Malagasy, Plateau: Unlocked Literal Bible for 1 Jaona, 1 Petera, 1 Samoela, 1 Tantara, 1 Tesaloniana, 1 Timoty, 2 Jaona, 2 Korintiana, 2 Petera, 2 Samoela, 2 Tantara, 2 Tesaloniana, 2 Timoty, 3 Jaona, Amosa, Apokalypsy, Asan' ny apostoly, Daniela, Deotoronomia, Efesiana, Eksodosy, Estera, Ezekiela, Ezra, Filemona, Filipiana, Fitomaniana, Galatiana, Genesisy, Habakoka, Hagay, Hebreo, Hosea, I korintiana, Isaia, Jakoba, Jaona, Jeremia, Joba, Joda, Joela, Jona, Josoa, Kolosiana, Levitikosy, Lioka, Malakia, Marka, Matio, Mika, Mpanjaka 1, Mpanjaka faharoa, Mpitoriteny, Mpitsara, Nahoma, Nehemia, Nomery, Obadia, Ohabolana, Romana, Rota, Salamo, Titosy, Tononkiran'i solomona, Zakaria, Zefania

Formatted for Translators

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

©2022 Wycliffe Associates
Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at https://unfoldingword.bible/ult/.
The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes
©2017 Wycliffe Associates
Available at https://bibleineverylanguage.org/translations
The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at https://unfoldingword.bible/utn.
The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.
You are free to:
Share — copy and redistribute the material in any medium or format. Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.
The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.
Under the following conditions:
Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at https://BibleInEveryLanguage.org." Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work.
ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original. No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:
You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.
No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.



Genesisy

1 [1]Tany am-boalohany, Andriamanitra nahary ny lanitra sy ny tany. [2]Tsy nisy endriny ary foana ny tany. Nandrakotra ny
rano lalina ny fahamaizinana. Ary nivezivezy teo ambonin'ny rano ny Fanahin' Andriamanitra.
[3]Hoy Andriamanitra hoe: "Aoka hisy mazava," dia nisy ny mazava. [4]Hitan'Andriamanitra ny fahazavana, ary hitany fa
tsara izany. Nampisaraka ny hazavana tamin'ny aizina Izy. [5]Andriamanitra niantso ny mazava hoe: "andro," ary niantso
ny maizina hoe: "alina." Dia nisy hariva sy maraina izany, ny andro voalohany.
[6]Hoy Andriamanitra hoe: "Aoka hisy habakabaka eo anelanelan'ny rano, ary aoka izany hanasaraka ny rano amin'ny
rano." [7]Andriamanitra nanao ny habakabaka sy nanasaraka ny rano izay tao ambanin'ilay habakabaka tamin'ny rano
izay teo ambonin'ilay habakabaka. Dia nisy izany. [8]Ary nantsoin'Andriamanitra hoe: "lanitra" ilay habakabaka. Dia nisy
hariva sy maraina izany, ny andro faharoa.
[9]Hoy Andriamanitra hoe: "Aoka ny rano ambanin'ny lanitra hiangona amin'ny toerana iray, ary aoka hiseho ny tany
maina." Dia natao izany. [10]Nantsoin'Andriamanitra hoe: "tany" ny tany maina, ary ny rano miangona nataony hoe:
"ranomasina." Hitany fa tsara izany.
[11]Hoy Andriamanitra hoe: "Aoka ny tany hitsimoka zava-maitso: zava-maniry mamoa voa ary hazo hamokatra vokatra
izay misy ny voa ao aminy, araka ny karazany avy." Dia nisy izany. [12]Namokatra zava-maitso ny tany, ny zava-maniry
mamoa voa araka ny karazany avy, ary ny hazo mamokatra voankazo izay ao aminy ny voany, araka ny karazany avy.
Dia hitan'Andriamanitra fa tsara izany. [13]Dia nisy hariva sy maraina izany, ny andro fahatelo.
[14]Hoy Andriamanitra hoe: "Aoka hisy ny mazava eo amin'ny lanitra mba hanasaraka ny andro amin'ny alina ary aoka ireo
ho toy ny famantarana, ho an'ny vanim-potoana, sy ho an'ireo andro ary ireo taona. [15]Aoka ireo ho mazava eo amin'ny
lanitra mba hanome hazavana eny amin'ny tany." Dia nisy izany.
[16]Andriamanitra nanao ireo hazavana roa lehibe, ilay hazavana lehibe kokoa mba hanamarika ny andro, ary ny
hazavana kelikely kokoa mba hanamarika ny alina. Nanao ny kintana ihany koa Izy. [17]Nandefa izany teny amin'ny lanitra
Andriamanitra mba hanome hazavana ny tany, [18]mba hanapaka ny andro sy ny alina, ary mba hanasaraka ny hazavana
amin'ny aizina. Hitan'Andriamanitra fa tsara izany. [19]Dia nisy hariva sy maraina izany, ny andro faha-efatra.
[20]Hoy Andriamanitra hoe: "Aoka ho feno zava-manan'aina maro an'isa ny rano, ary aoka ny vorona hanidina ambonin'ny
tany eny amin'ny habakabaky ny lanitra." [21]Andriamanitra namorona ireo bibin-dranomasina vaventy, ary koa ireo
karazan-java-manan'aina rehetra, ireo zava-manan'aina mihetsika sy izay mameno ny rano eny rehetra eny, ary ireo
karazana voro-manan'elatra rehetra. Hitan'Andriamanitra fa tsara izany.
[22]Nitso-drano azy ireo Andriamanitra, nanao hoe: "Miteraha maro ary mihamaroa, ka mamenoa ny rano ao amin'ny
ranomasina. Aoka hihamaro eny ambonin'ny tany ireo vorona." [23]Dia nisy hariva sy maraina izany, ny andro fahadimy.
[24]Hoy Andriamanitra hoe: "Aoka ny tany hamokatra zava-manan'aina, araka ny karazany avy, ireo biby fiompy, zava-
mandady, sy bibi-dian'ny tany, araka ny karazany avy." Dia nisy izany. [25]Nataon'Andriamanitra araka ny karazany avy ireo
bibi-dian'ny tany, ireo biby fiompy araka ny karazany avy, ary ireo zavatra rehetra izay mikisaka amin'ny tany araka ny
karazany avy. Hitany fa tsara izany.
[26]Hoy Andriamanitra hoe: "Andeha isika hamorona olona amin'ny endritsika, tahaka antsika. Aoka izy ireo hanjaka eo
amin'ireo hazan-dranomasina, eo amin'ireo voron'ny lanitra, eo amin'ireo biby fiompy, manerana ny tany rehetra, ary eo
amin'ireo zavatra mikisaka rehetra izay mandady eny ambonin'ny tany." [1] [27]Andriamanitra namorona ny olona araka ny
endriny. Tamin'ny endriny manokana no namoronany azy. Lahy sy vavy no namoronany azy ireo.
[28]Nitso-drano azy ireo Andriamanitra ka nilaza tamin'izy ireo hoe: "Miteraha maro, ary mihamaroa. Mamenoa ny tany,
ary hanjakao izany. Manàna fanjakana eo amin'ireo hazan-dranomasina, eo amin'ireo voron'ny habakabaka, ary eo
amin'ireo zava-manan'aina rehetra izay mihetsika eny ambonin'ny tany." [29]Hoy Andriamanitra hoe: "Indro, efa nomeko
anareo ny zava-maitso rehetra mamoa voa izay eto ambonin'ny tany rehetra, ary ny hazo rehetra izay mamokatra voa ao
aminy. Ho fihinanareo ireny.
[30]Ho an'ny bibi-dian'ny tany, ho an'ireo voron'ny habakabaka, sy ho an'ireo zavatra rehetra izay mikisaka amin'ny tany,
ary ho an'ireo zava-manan'aina izay manana fofon'aina eto an-tany no nanomezako ny zava-maitso rehetra ho fihinana."
Dia nisy izany. [31]Hitan'Andriamanitra ireo zava-drehetra izay nataony. Indro, tena tsara izany. Dia nisy hariva sy maraina
izany, ny andro faha-enina.

---

[1]Fanamarihana: ireo dikan-teny sasany taloha manao hoe: "Eo amin'ireo biby fiompy, eo amin'ireo bibin'ny tany rehetra, ary eo amin'ireo zavatra mikisaka rehetra izay mandady eny ambonin'ny tany."

---

2 [1]Ary dia vita ny lanitra sy ny tany, sy ny zava-manan'aina rehetra izay mameno azy. [2]Tamin'ny andro fahafito
Andriamanitra dia efa hamarana ny asany izay nataony, ka noho izany dia nitsahatra tamin'ny asany rehetra Izy
tamin'ny andro fahafito. [3]Notahin'Andriamanitra ny andro fahafito ary nanamasina izany, satria tamin'izany no
nitsaharany tamin'ny asa rehetra izay nataony tamin'ny famoronany.
[4]Ireto ny tranga mahakasika ny lanitra sy tany, rehefa nohariana izany, tamin'ny andro izay namoronan'i Yaveh
Andriamanitra ny tany sy lanitra. [5]Tsy mbola nisy ny kirihitrin'ny saha teny amin'ny tany, ary tsy mbola nitsimoka ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

zava-maniry teny an-tsaha, satria Yaveh Andriamanitra tsy mbola nandatsaka orana tamin'ny tany, ary tsy nisy olona niasa tany. [6]Fa nisy zavona avy tamin'ny tany ka nandena ny velaran'ny tany rehetr.
[7]Namolavola ny olona avy tamin'ny vovon-tany i Yaveh Andriamanitr, ary nofofoiny tamin'ny fofon'ain'ny fahavelomana ny vavorony, ka tonga olombelona. [8]Yaveh Andriamanitra nanamboatra saha tao atsinanana, tao Edena, ary napetrany tao ny olona izay novolavolainy.
[9]Tambonin'ny tany no nampanirin'i Yaveh Andriamanitra ny hazo rehetra izay hita fa mahafinaritra ny maso sady tsara ho amin'ny sakafo. Anisan'izany ny hazon'aina izay teo afovoan'ny saha, sy ny hazon'ny fahalalana ny tsara sy ny ratsy.
[10]Nisy ony nivoaka avy ao Edena nanondraka ny saha. Nizarazara avy tany izany ka tonga ony efatra.
[11]Pisona no anaran'ilay vohalohany. Izy irery ihany no mikoriana manodidina ilay tany rehetran'i Havila, izay misy volamena. [12]Tsara ny volamenan'izany tany izany. Misy bedola sy vato berila ihany koa.
[13]Gihona no anaran'ilay ony faharoa. Izy io dia mikoriana manerana ny tany Kosy. [14]Ny anaran'ilay ony fahatelo dia Tigra, izay mikoriana atsinanan'i Asyria. Eofrata ny ony faha-efatra.
[15]Nalain'i Yaveh Andriamanitra ralehilahy ary nametraka azy tao amin'ny saha Edena mba hiasa sy hihazona izany.
[16]Nandidy an-dralehilahy Yaveh Andriamanitra, nanao hoe: "Avy amin'ny hazo rehetra any amin'ny saha dia azonao hihinana. [17]Fa avy amin'ilay hazon'ny fahalalana ny tsara sy ratsy kosa no tsy azonao hihinana, fa amin'ny andro hihinananao avy amin'izany, dia ho faty tokoa ianao."
[18]Avy eo Yaveh Andriamanitra niteny hoe: "Tsy tsara raha irery ralehilahy. Hanamboarako namana sahaza azy izy." [19]Avy amin'ny tany no nanamboaran'i Yaveh Andriamanitra ny bibin'ny saha rehetra sy ny voron'ny habakabaka rehetra. Ary nentiny teo amin-dralehilahy izy rehetra mba hahitany izay mety hiantsoany azy. Na inona na inona niantsoan-dralehilahy ny zava-manan'aina tsirairay, dia izany no anarany. [20]Nomen-dralehilahy anarana daholo ny biby fiompy, ny voro-manidina rehetra eny amin'ny habakabaka, ary ny bibidian'ny saha. Nefa tsy nahitàna namana sahaza azy ralehilahy.
[21]Nampatorian'i Yaveh Andriamanitra lalina ralehilahy, ka dia natory ralehilahy. Naka iray tamin'ny taolan-tehezany i Yaveh Andriamanitra ary nanakatona ny nofo izay nakany ilay taolan-tehezana. [22]Tamin'ilay taolan-tehezana izay nalain'i Yaveh Andriamanitra tamin-dralehilahy, no nanamboarany vehivavy iray sy nitondràna azy teo amin-dralehilahy. [23]Hoy ralehilahy hoe: "Izao kosa, dia taolana avy amin'ny taolako ity, ary nofo avy amin'ny nofoko. Hantsoina hoe 'Vehivavy' izy, satria nalaina avy tamin'ny lehilahy."
[24]Noho izany handao ny rainy sy ny reniny ny lehilahy, hikambana amin'ny vadiny izy, ary ho tonga nofo iray izy ireo.
[25]Samy nitanjaka izy ireo, ralehilahy sy ny vadiny, fa tsy nahalala menatra.

3 [1]Ary ny menarana dia malina kokoa noho ny bibidia rehetra teo amin'ny saha izay namboarin'i Yaveh Andriamanitra. Ary hoy izy tamin-dravehivavy hoe: "Tena nilaza tokoa ve Andriamanitra hoe: 'Tsy azonareo hihinanana ny hazo rehetra ao amin'ny saha?'" [2]Dia hoy ravehivavy tamin'ilay menarana hoe: "Azonay hihinanana ny voan'ny hazo ao an-tsaha, [3]fa mahakasika ny hazo izay eo afovoan'ny saha kosa, dia hoy Andriamanitra hoe: 'Tsy azonareo atao ny mihinana izany, na mikasika izany, fandrao ho faty ianareo.'"
[4]Hoy ilay menarana tamin-dravehivavy hoe: "Tsy ho faty izany ianareo. [5]Fa fantatr'Andriamanitra fa amin'ny andro hihinananareo izany dia hahiratra ny masonareo, ary hitovy amin'Andriamanitra ianareo, mahalala ny tsara sy ny ratsy."
[6]Rehefa hitan-dravehivavy fa tsara ho hanina ny hazo, sady nahafinaritra ny maso, ary ilay hazo dia nampitsiriritra fa mampahendry, dia naka ny sasany tamin'ny voany izy ka nihinana izany. Avy eo dia notolorany ihany koa ny vadiny izay niaraka taminy, ka nihinana izy.
[7]Nahiratra ny mason'izy ireo, ka dia fantatr'izy ireo fa nitanjaka izy ireo. Nanjaitra ravin'aviavy nakambana izy ireo ary nanamboatra fitafy ho an'ny tenany. [8]Nandre ny feon'i Yaveh Andiamanitra nandehandeha tao amin'ny saha izy ireo raha malomaloka iny ny andro, ka dia niery ny fanatrehan'i Yaveh Andriamanitra teo amin'ireo hazon'ny saha ralehilahy sy ny vadiny.
[9]Niantso an-dralehilahy Yaveh Andriamanitra ka nanao taminy hoe: "Aiza ianao?" [10]Hoy ralehilahy hoe: "Nandre Anao tao an-tsaha aho, ka natahotra aho, satria nitanjaka. Noho izany dia niafina aho." [11]Hoy Andriamanitra hoe: "Iza no nilaza taminao fa nitanjaka ianao? Moa ve ianao nihinana avy tamin'ilay hazo izay nandidiko anao tsy hihinànana?"
[12]Hoy ralehilahy hoe: "Ny vehivavy izay nomenao hiaraka amiko, izy no nanome ahy ny voa avy tamin'ilay hazo, ka nihinana izany aho." [13]Ary hoy Yaveh Andriamanitra tamin-dravehivavy hoe: "Inona izao nataonao izao?" Ravehivavy nanao hoe: "Nandainga tamiko ny menarana, ka dia nihinana aho."
[14]Dia hoy Yaveh Andriamanitra tamin'ilay menarana hoe: "Satria nanao izao ianao, dia ianao irery no voaozona amin'ny biby fiompy sy ny bibi-dian'ny saha rehetra. Amin'ny kibonao no handehananao, ary vovoka no ho fihinanao amin'ny andro rehetra hiainanao. [15]Hasiako fifandrafiana eo aminao sy ny vehivavy, ary eo amin'ny taranakao sy ny taranany. Hanorotoro ny lohanao izy, ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony."
[16]Dia hoy Izy tamin-dravehivavy hoe: "Hampitomboiko ny fanaintainanao raha miteraka; amin'ny fanaintainana no hiterahanao ireo zanakao. Ny fanirianao dia ho an'ny vadinao, fa izy kosa hanapaka eo aminao."
[17]Dia hoy Izy tamin'i Adama hoe: "Satria nihaino ny feon'ny vadinao ianao, ary nihinana tamin'ny hazo, momba izay nandidiko anao, manao hoe: 'Tsy azonareo hihinanana izany,' dia voaozona ny tany noho ny aminao; amin'ny alalan'ny

asa feno fanaintainana no hihinananao avy amin'izany amin'ny andro rehetra hiainanao. [18]Hamokatra tsilo sy songosongo ho anao izany, ary hihinana ireo zava-manirin'ny saha ianao. [19]Amin'ny hatsembohan'ny tavanao no hihinananao mofo, mandram-piverinao amin'ny tany, fa avy amin'izany no nakana anao. Fa vovoka ianao, ary mbola hody vovoka indray."
[20]Eva no nataon-dralehilahy anaram-badiny satria izy no renin'ny manan'aina rehetra. [21]Dia nanamboaran'i Yaveh Andriamanitra akanjo hoditra i Adama sy ny vadiny ka nampitafy azy ireo.
[22]Dia hoy Yaveh Andriamanitra hoe: "Ankehitriny dia efa tonga tahaka ny anankiray amintsika ralehilahy, mahalala ny tsara sy ny ratsy. Koa ankehitriny dia tsy azony atao ny mampitsotra ny tanany, maka avy eo amin'ny hazon'aina, hihinana izany, ka ho velona mandrakizay. [23]Ka noho izany dia noroahin'i Yaveh Andriamanitra hiala tao amin'ny saha Edena izy, mba hiasa ny tany izay nakana azy. [24]izany dia noroasin'Andriamanitra hiala ny saha ralehilahy, ary nametraka kerobima teo atsinanan'ny saha Edena Izy, ary sabatra mirehitr'afo izay mihodikodina, mba hiambina ny lalana mankany amin'ny hazon'aina.

4 [1]Niara-nandry tamin'i Eva vadiny ralehilahy. Nitoe-jaza izy ary niteraka an'i Kaina. Hoy izy hoe: "Nahazo zazalahy aho noho ny fanampian'i Yaveh." [2]Avy eo dia niteraka an'i Abela rahalahiny indray izy. Ary Abela lasa mpiandry ondry, fa i Kaina kosa namboly ny tany.
[3]Rehefa nandeha ny fotoana dia nitondra sasany tamin'ny vokatry ny tany ho fanatitra ho an'i Yaveh i Kaina. [4]Ny an'i Abela, dia ny sasany tamin'ny voalohan-janak'ondry aman'osiny sy ireo efa matavy no nentiny. Nankasitrahan'i Yaveh i Abela sy ny fanatiny, [5]fa i Kaina sy ny fanatiny kosa dia tsy nankasitrahany. Ka dia tezitra mafy i Kaina, ary vinitra izy.
[6]Hoy Yaveh tamin'i Kaina hoe: "Nahoana ianao no tezitra ary nahoana no vinitra? [7]Raha manao izay marina ianao, tsy ho hankasitrahana ve? Fa raha tsy manao izay marina ianao, dia hamitsaka eo ambaravarana ny ota ary maniry ny hibaiko anao, kanefa tsy maintsy manapaka eo amin'izany ianao.
[8]Niresaka tamin'i Abela rahalahiny i Kaina. Raha tany an-tsaha iny izy ireo, dia nitsangana hanohitra ny rahalahiny i Kaina ary namono azy. [1] [9]Avy eo hoy Yaveh tamin'i Kaina hoe: "Aiza i Abela rahalahinao?" Hoy izy hoe: "Tsy fantatro. Moa mpiandry ny rahalahiko ve aho?"
[10]Hoy Yaveh hoe: "Inona ity nataonao? Ny ràn'ny rahalahinao dia miantso Ahy mafy avy amin'ny tany. [11]Ankehitriny dia voaozona izay avy amin'ny tany, izay nanokatra ny vavany mba hitelina ny ràn'ny rahalahinao avy amin'ny tananao ianao. [12]Raha miasa tany ianao, dia tsy hamokatra ho anao izany manomboka izao. Ho mpanjenjena sy mpirenireny eny amin'ny tany ianao."
[13]Hoy Kaina tamin'i Yaveh hoe: "Mafy mihoatra noho izay tokony ho zakako ny saziko. [14]Noroahinao tamin'ity tany ity tokoa aho androany, ary hiafina amin'ny tavanao aho. Ho lasa mpanjenjena sy mpirenireny amin'izao tontolo izao aho, ary na iza na iza mahita ahy dia hamono ahy." [15]Hoy Yaveh taminy hoe: "Raha misy mamono an'i Kaina, dia ho valiana im-pito heny aminy izany." Avy eo nasian'i Yaveh famantarana i Kaina, ka raha misy mahita azy, dia tsy hamely azy izany olona izany.
[16]Ka nandao an'i Yaveh i Kaina ary nonina tany amin'ny tanin'i Noda, any atsinanan'i Edena. [17]Niara-nandry tamin'ny vadiny i Kaina ka nitoe-jaza izy. Niteraka an' i Enoka izy. Nanorina tanàna izy ary nataony hoe Enoka araka ny anaran'i Enoka zanany lahy izany.
[18]Enoka niteraka an'i Irada. Irada tonga rain'i Mehojaela. Mehojaela niteraka an'i Metosaela. Metosaela niteraka an'i Lameka. [19]Lameka nanana vady roa ho azy: Ada no anaran'ny anankiray, ary Zila no anaran'ilay iray hafa.
[20]Ada niteraka an'i Jabala. Rain'ireo mpitoetra an-day izay manana biby fiompy izy. [21]Jobala no anaran'ny rahalahiny. Rain'ny ireo mpitendry lokanga sy mpitsoka sodina izy. [22]Ary Zila kosa, niteraka an'i Tobala Kaina, mpanefy fitaovana varahina sy vy. Nama no anabavin'i Tobala Kaina.
[23]Hoy Lameka tamin'ireo vadiny hoe: "Ry Ada sy Zila, mihainoa ny feoko; ianareo ry vadin'i Lameka, henoy izay lazaiko, efa namono lehilahy iray aho nohon'ny fandratrana ahy, ary tovolahy iray noho ny fanorotoroana ahy. [24]Raha valiana fito heny izay mamono an'i Kaina, dia fito amby fitopolo heny kosa ny an'i Lameka."
[25]Ary niara-nandry tamin'ny vadiny indray Adama, ka niteraka zazalahy hafa izy. Niantso ny anarany hoe Seta izy ary niteny hoe: "Nomen'Andriamanitra zanaka hafa ho solon'i Abela aho, satria novonoin'i Kaina izy. [26]Niteraka zazalahy i Seta ary nataony hoe Enosy ny anarany. Tamin'izany fotoana izany dia nanomboka niantso ny anaran'i Yaveh ny olona.

[1]Fanamarihana: ireo dika mitovy tsara indrindra taloha dia mivaky toy io. Kanefa, ny fandikan-teny sasany taloha sy ny fandikan-teny sasany taty aoriana dia mivaky toy izao: "Hoy Kaina tamin'i Abela rahalahiny hoe: "Andeha isika ho any an-tsaha." raha tany an-tsaha iny izy ireo, dia nijoro hanohitra an'i Abela rahalahiny i Kaina ary namono azy."

5 [1]Ity no mirakitra ny taranak'i Adama. Tamin'ny andro namoronan'Andriamanitra ny olombelona, dia nataony araka ny endriny ihany izy ireo. [2]Lahy sy vavy no nahariany azy ireo. Nitso-drano azy ireo Izy ary niantso azy hoe olombelona rehefa voaforona izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Rehefa niaina 130 taona i Adama, dia tonga rain'ny zazalahy iray, araka ny endriny ihany, ary nataony hoe Seta ny anarany. [4]Taorian'ny niterahan'i Adama an'i Seta, dia niaina nandritry ny valonjato taona izy. Tonga rain'ny zaza lahy sy zanaka vavy maro izy. [5]Niaina 930 taona i Adama, ary maty taorian'izay.
[6]Rehefa niaina 105 taona i Seta, dia niteraka an'i Enosy. [7]Taorian'ny niterahany an'i Enosy, dia niaina 807 taona izy ary niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy maro. [8]Niaina 912 taona i Seta, ary maty taorian'izay.
[9]Rehefa niaina sivy folo taona i Enosy, dia niteraka an'i Kenana. [10]Taorian'ny niterahany an'i Kenana, dia niaina 815 taona i Enosy. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy maro izy. [11]Niaina 915 taona i Enosy, ary maty taorian'izay.
[12]Rehefa niaina fitopolo taona i Kenana, dia niteraka an'i Mahalalila. [13]Taorian'ny niterahany an'i Mahalalila, dia niaina 840 taona i Kenana. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy maro izy. [14]Niaina 910 taona i Kenana, ary maty taorian'izay.
[15]Rehefa niaina dimy amby enimpolo taona i Mahalalila, dia niteraka an'i Jareda. [16]Taorian'ny niterahany an'i Jareda, dia niaina 830 taona izy. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy maro izy. [17]Niaina 895 taona i Mahalalila, ary maty taorian'izay.
[18]Rehefa niaina 162 taona i Jareda, dia niteraka an'i Enoka. [19]Taorian'ny niterahany an'i Enoka, dia niaina valonjato taona izy. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy maro izy. [20]Niaina 962 taona i Jareda, ary maty taorian'izay.
[21]Rehefa niaina dimy amby enimpolo taona i Enoka, dia niteraka an'i Metosela. [22]Nandeha tamim-pombàn'Andriamanitra nandritry ny telonjato taona i Enoka taorian'ny niterahany an'i Metosela. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy maro izy.
[23]Niaina 365 taona i Enoka. [24]Nandeha tamim-pombàn'Andriamanitra i Enoka, ary lasana izy, satria nalain'Andriamanitra.
[25]Rehefa niaina 187 taona i Metosela, dia niteraka an'i Lameka. [26]Taorian'ny niterahany an'i Lameka, dia niaina 782 taona i Metosela. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy maro izy. [27]Niaina 969 taona i Metosela. Ary maty izy taorian'izay.
[28]Rehefa niaina 182 taona i Lameka, dia niteraka zanaka lahy iray. [29]Nantsoiny hoe Noa ny anarany, ary nambarany hoe: "Ity no hanome fitsaharana ho antsika amin'ny asantsika sy amin'ny asa mafy ataon'ny tanantsika, izay tsy maintsy hataontsika noho ny tany izay nozonin'i Yaveh."
[30]Niaina 595 taona i Lameka taorian'ny niterahany an'i Noa. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy maro izy. [31]Niaina 777 taona i Lameka. Taorian'izay dia maty izy.
[32]Rehefa niaina dimanjato taona i Noa, dia niteraka an'i Sema, Hama sy Jafeta.

6 [1]Rehefa nanomboka nihamaro teto an-tany ny olombelona ary niteraka zazavavy maro, [2]dia hitan'ny zanak'Andriamanitra fa maha-te ho tia ny zanaka vavin'ny olombelona. Naka vady ho azy izy ireo, na iza na iza nosafidiany tamin'izy ireo. [3]Hoy Yaveh hoe: "Tsy hitoetra amin'ny olombelona mandrakizay ny fanahiko, satria nofo izy ireo. Hiaina mandritry ny 120 taona izy ireo."
[4]Teto ambonin'ny tany ny olona goavana tamin'izany andro izany, ary taorian'izany ihany koa. Izany no nitranga rehefa nanambady ireo zanaka vavin'ny olombelona ireo zanak'Andriamanitra, ary niteraka tamin'izy ireo. Ireo no lehilahy mahery taloha, lehilahy nanana laza.
[5]Hitan'i Yaveh fa lehibe ny faharatsian'ny olombelona teto an-tany, ary ny fironan'ny fisainana rehetra tao am-pon'izy ireo dia ratsy hatrany. [6]Nanenina tamin'ny nahariany ny olombelona teo an-tany Yaveh, ary nahasosotra ny fony izany.
[7]Koa hoy Yaveh hoe: "Haringako hiala eo ambonin'ny tany ny olombelona izay nohariako; na ny olombelona na ireo biby vaventy, sy ireo zavatra mikisaka ary ireo voron'ny habakabaka, satria nanenina Aho namorona azy ireo." [8]Fa Noa kosa nahita sitraka teo imason'i Yaveh.
[9]Izao no tantara mahakasika an'i Noa. Noa dia lehilahy marina, ary tsy nisy tsiny teo amin'ny olona tamin'ny androny. Noa dia nandeha niaraka tamin'Andriamanitra. [10]Niteraka zanaka lahy telo i Noa: Sema, Hama, sy Jafeta.
[11]Simba teo anatrehan'Andriamanitra ny tany, ary feno herisetra izany. [12]Hitan'Andriamanitra ny tany; ary indro, simba izany, satria nanimba ny lalan'izy ireo teo ambonin'ny tany ny nofo rehetra.
[13]Hoy Andriamanitra tamin'i Noa hoe: "Hitako fa fotoana hamotehana ny nofo rehetra izao, satria feno herisetra amin'ny alalan'izy ireo ny tany. Haringako miaraka amin'ny tany tokoa izy ireo. [14]Manaova sambo-fiara vita amin'ny hazo kypreso ho an'ny tenanao. Asio efitra ao anatin'ilay sambo-fiara, ary asio dinty ao anatiny sy ivelan'izany. [15]Izao no fomba hanaovanao izany: telonjato hakiho ny halavan'ny sambo-fiara, dimampolo hakiho ny sakany, ary telopolo hakiho ny haavony.
[16]Asio tafo ny sambo-fiara, ary vitao amin'ny hakiho iray avy any ambony izany. Asio varavarana ny ilan'ilay sambo-fiara ary asio tokotanin-tsambo ambany, faharoa sy fahatelo. [17]Mihainoa, efa mby hitondra ilay safo-drano eny ambonin'ny tany Aho, mba hamotika ny nofo rehetra izay manana ny fofon'aina ambanin'ny lanitra ao aminy. Ho faty avokoa ny zavatra rehetra eny ambonin'ny tany.
[18]Kanefa hanorina ny fanekeko aminao Aho. Ho avy ao amin'ilay sambo-fiara ianareo, ianao, sy ireo zanakao lahy, ary ny vadinao, sy ireo vinantovavinao. [19]Amin'ny zava-manan'aina rehetra amin'ny nofo rehetra, dia tsy maintsy hitondranao roa avy amin'ny karazany rehetra mankao anaty sambo-fiara, mba hihazonana azy ireo ho velona miaraka aminao, na lahy na vavy.
[20]Ireo vorona samy araka ny karazany avy, ary ny biby vaventy samy araka ny karazany avy, ny zavatra mikisaka amin'ny tany rehetra samy araka ny karazany avy, dia hanatona anao avokoa ny roa amin'ny karazany rehetra, velomy izy ireo.
[21]Hangony ho anao avokoa ny karazan-tsakafo rehetra izay fihinana ary tehirizo izany, mba ho sakafonao sy ho azy ireo."
[22]Ka dia nataon'i Noa izany. Araka izay rehetra nandidian'Andriamanitra no nanaovany azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

7 [1]Ary Yaveh nilaza tamin'i Noa hoe: "Midira ao amin'ilay sambo-fiara ianao sy ny ankohonanao, satria ianao no olona
hitako fa marina eo anatrehako amin'ity taranaka ity. [2]Ny amin'ny biby madio rehetra dia hitondranao fito lahy sy fito
vavy. Ary ny amin'ireo biby tsy madio, dia maka roa isany avy, lahy sy vavy. [3]Ny amin'ireo voron'ny habakabaka ihany
koa, dia maka fito lahy sy fito vavy, ho fitandrovana ny taranany ety ambonin'ny tany.
[4]Aorian'ny fito andro dia handefa orana mikija mandritra ny efapolo andro sy efapolo alina Aho. Haringako daholo ireo
zava-manan'aina nohariako teto ambonin'ny tany." [5]Dia nataon'i Noa izay rehetra nandidian'i Yaveh az.
[6]Eninjato taona i Noa tamin'ny fotoana nahatongavan'ny safo-drano teto an-tany. [7]Noa, ireo zanany lahy, ny vadiny, ary
ireo vinanto vaviny dia niara-niditra tao anaty sambo-fiara nohon'ny ranon'ny safo-drano.
[8]Ireo biby madio sy ireo biby maloto, ireo vorona, ary ireo zavatra rehetra mandady amin'ny tany, [9]dia tonga tsiroaroa,
lahy sy vavy, nankeo amin'i Noa ary niditra tao amin'ny sambo-fiara, araka ny efa nandidian'Andriamanitra an'i Noa.
[10]Ary fito andro taty aoriana, dia nanomboka nirotsaka ny orana ka safotry ny rano ny tany.
[11]Tamin'ny faha eninjato taona niainan'i Noa, volana faharoa, andro faha fito ambin'ny folon'ny volana, tamin'io andro io
ihany, dia nipoitra ireo loharano lalina rehetra ambanin'ny tany, ary nisokatra ireo varavarakelin'ny lanitra.
[12]Nanomboka nikija nandritrin'ny efapolo andro sy efapolo alina ny orana teto ambonin'ny tany.
[13]Tamin'io andro io ihany i Noa sy ireo zanany lahy, Sema, Hama, sy Jafeta, ary ny vadin'i Noa, sy ireo vinanto vaviny telo
niaraka amin'izy ireo, dia niditra tao anatin'ilay sambo-fiara. [14]Ary izy ireo niditra niaraka tamin'ireo bibi-dia rehetra
samy amin'ny karazany avy, sy ny biby fiompy samy araka ny karazany avy, sy ny zavatra mikisaka amin'ny tany samy
araka ny karazany avy, ary ny karazam-borona rehetra samy araka ny karazany avy, sy ireo zava-manan'aina
manan'elatra tsirairay araka ny karazany avy.
[15]Tonga tsiroaroa teo amin'i Noa ireo biby rehetra manam-pofon'aina isaky ny karazany avy ary niditra tao amin'ilay
sambo-fiara. [16]Ireo biby izay niditra tao dia lahy sy ny vavy isakin'ny karazany avy; niditra tao izy ireo araka izay
nandidian'Andriamanitra azy. Avy eo Yaveh nanidy ny vavarana rehefa tafiditra izy ireo.
[17]Avy eo dia tonga teto an-tany nandritrin'ny efapolo andro ny safo-drano, ary nitombo ny rano ka nanainga ilay sambo-
fiara sy nampiakatra izany ho eo ambonin'ny tany. [18]Rakotra rano tanteraka ny tany, ka nitsingevana teny ambony rano
ilay sambo-fiara.
[19]Nisondrotra be teo amin'ny tany ny rano ka rakotra avokoa ireo tendrombohitra avo rehetra ambanin'ny lanitra.
[20]Nihoatra dimy ambin'ny folo hakiho tamin'ny tampon'ny tendrombohitra ny rano.
[21]Maty avokoa ireo zava-manan'aina rehetra izay nirenireny tety ambony tany: ireo vorona, ireo biby fiompy, ireo bibi-
dia, sy ireo zava-manan'aina maro izay niaina tety an-tany, ary ny olombelona rehetra. [22]Ireo zava-manan'aina rehetra
niaina teto ambonin'ny tany, izay miaina ny fofon'aina amin'ny vavorony, dia maty.
[23]Noho izany dia ringana avokoa ireo zava-manan'aina rehetra tety ambony tany, hatramin'ny olombelona ka
hatramin'ny biby fiompy, sy ireo biby mikisaka, ary ny voron'ny habakabaka. Ringana tety ambony tany avokoa izy
rehetra. Noa sy ireo izay niaraka taminy tao anatin'ilay sambo-fiara no sisa tavela. [24]Tsy nihena tambonin'ny tany
nandritran'ny dimampolo amby zato andro ilay rano.

8 [1]Ary Andriamanitra nahatsiaro an'i Noa, ireo bibi-dia rehetra, ary ny biby fiompy rehetra izay niaraka taminy tao
anatin'ilay sambo-fiara. Nampitsoka rivotra eran'ny tany Andriamanitra, ka dia nanomboka nihena ny rano. [2]Nakatona
ny loharanon'ny lalina sy ny varavarakelin'ny lanitra, ary nitsahatra ny ranon'orana. [3]Nihena tsikelikely ny ranon'ny safo-
drano, ary rehefa afaka dimampolo amby zato andro dia nihena ny rano.
[4]Dia niantsona teo amin'ny tendrombohitr'i Aratata ny sambo-fiara tamin'ny volana faha-fito, tamin'ny andro faha-fito
ambin'ny folon'ny volana. [5]Nihena hatrany ny rano hatramin'ny volana faha-folo. Tamin'ny andro voalohan'ny volana,
dia niseho ny tampon'ny tendrombohitr.
[6]Ary rehefa afaka efapolo andro dia novohain'i Noa ny varavarakelin'ny sambo-fiara izay namboariny. [7]Ary nandefa
goaika anankiray tany ivelany izy, ary niverimberina nanidina izany ambara-pahamainan'ny rano tamin'ny tany.
[8]Ary nandefa voromailala izy hizaha raha efa ritra ny rano tambonin'ny tany, [9]fa tsy nahita toerana nametrahany ny
tongony ilay voromailala ka niverina tany aminy tao anatin'ilay sambo fiara satria mbola nandrakotra ny tany manontolo
ny rano. Ary naninjitra ny tanany izy, ka nandray ilay voromailala ary nampiditra azy tao anaty sambo-fiara niaraka
taminy.
[10]Ary mbola niandry hafitoana indray izy ka nandefa ilay voromailala avy tao anaty sambo-fiara. [11]Niverina teo aminy
ilay voromailala nony hariva. Indro! nisy ravin'oliva maitso vao notangosana teo ambavan'ilay voromailala. Koa dia
fantatr'i Noa fa efa nidina ny rano tambonin'ny tany. [12]Mbola niandry hafitoana, izy ka namoaka ilay voromailala indray.
Tsy niverina teo aminy intsony ilay vorona.
[13]Tamin'ny faha-iraika amby eninjato taona, tamin'ny volana voalohany, tamin'ny andro voalohan'ny volana, no ritra ny
rano teo ambonin'ny tany. Nesorin'i Noa ny tafon'ilay sambo-fiara, nijery tany ivelany, ary nahita fa, indro, maina ny tany.
[14]Ary tamin'ny andro fahafito amby roampolo, tamin'ny volana faharoa, dia maina ny tany.
[15]Hoy Andriamanitra tamin'i Noa hoe: [16]"Mivoaha ao anaty sambo-fiara, ianao, ny vadinao, ireo zanakao lahy, ary ireo
vinantonao vavy miaraka aminao. [17]Ento mivoaka miaraka aminao ireo zava-manan'aina rehetra izay miaraka aminao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

izay avy tamin'ny nofo rehetra—dia ireo vorona, ireo biby, ary ireo zavatra mikisaka rehetra amin'ny tany—mba hitombo isa fatratra ho zava-manan'aina manerana ny tany ireo, Miteraha maro ary mihamaroa."
[18]Dia nivoaka Noa sy ny vady aman-janany, mbamin'ny vinantovaviny niaraka taminy. [19]Ny zava-manan'aina rehetra, ny zavatra mikisaka rehetra, ary ny vorona rehetra, mbamin'izay rehetra mihetsiketsika eto ambonin'ny tany, araka ny karazany avy, dia nandao ny sambo-fiara.
[20]Nanamboatra alitara ho an'i Yaveh i Noa. Naka sasany tamin'ireo biby madio sy vorona madio izy, ary nanolotra fanatitra dorana teo amin'ny alitara. [21]Ary ren'i Yaveh ny hanitra ankasitrahana ka niteny tao am-pony hoe: "Tsy hanozona ny tany noho ny olombelona intsony Aho, na dia ratsy hatramin'ny fahazazany aza ny fisainan'ny fon'ny olona. Ary tsy handringana ny zava-manan'aina intsony Aho, tahaka izay nataoko. [22]Raha mbola maharitra koa ny tany, dia tsy hanam-pitsaharana ny taom-pamafazana sy ny taom-pijinjana, ny hatsiaka sy ny hafanana, ny ririnina sy ny fahavaratra, ary ny andro sy ny alina."

9 [1]Avy eo Andriamanitra nitso-drano an'i Noa sy ireo zanany lahy, ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Maroa fara, mihabetsaha, ary mamenoa ny tany. [2]Ny tahotra sy ny horohoro anao dia ho eo amin'ireo biby izay miaina ambonin'ny tany, ny voron'ny habakabaka, eo amin'ny zava-drehetra izay mandeha any ambanin'ny tany, ary amin'ny hazan-dranomasina rehetra. Atolotra eo an-tananao ireo.
[3]Ny zava-drehetra izay miaina dia ho ataonareo sakafo. Ankehitriny Aho dia manolotra anareo ny zava-drehetra tahaka ny nanomezako anareo ireo zava-maniry maitso. [4]Saingy ianareo dia tsy tokony hihinana hena miaraka amin'ny ainy_izany dia ny rànу_ ao anatiny.
[5]Fa ho an'ny rànareo, ny aina izay ao anatin'ny rànareo, dia hitaky ny vidiny Aho. Avy amin'ny tanan'ireo biby no hitakiko izany. Avy amin'ny tanan'ny olona izay namono ny rahalahiny no hitakiko ny saran'ny fiainan'izany olona izany. [6]Na iza na iza mandatsaka ain'ny olona iray, dia olona no andatsaka ny ainy, fa tamin'ny endrik'Andriamanitra no nanamboarany ny olona. [7]Raha ny aminareo, dia maroa fara ary mitomboa, miparitaha manerana ny tany ary mitomboa eo amin'izany."
[8]Avy eo Andriamanitra niresaka tamin'i Noa sy ireo zanany lahy niaraka taminy, nanao hoe: [9]"Raha ny Amiko, dia henoy! Hanamafy ny fanekena nataoko taminareo sy ny taranakareo ao aorianareo Aho, [10]sy ireo biby manan'aina izay miaraka aminareo, ireo vorona, biby fiompy, ary ireo zava-manan'aina rehetra ambonin'ny tany miaraka aminareo, hatramin'ireo rehetra izay avy tao amin'ny sambo-fiara, hatramin'ny zava-manan'aina rehetra ambonin'ny tany.
[11]Izao Aho dia hanamafy ny fanekeko nataoko taminareo, fa tsy hisy safo-drano hamotika ny nofo rehetra intsony. Ary tsy hisy safo-drano handrava ny tany intsony." [12]Hoy Andriamanitra hoe: "Izao no famantarana an'ilay fanekena izay ataoko eo Amiko sy eo aminareo ary ireo zava-manan'aina miaraka aminareo, ho an'ireo taranaka ho avy: [13]efa nametraka avana teny amin'ny rahona Aho, ary izany no ho famantarana ny fanekena eo Amiko sy ny tany.
[14]Izany dia hitranga rehefa handrakotra ny tany amin'ny rahona Aho ary ho tazana eny amin'ny rahona ny avana, [15]avy eo dia ho tsaroako ny fanekeko, izay nisy tamiko sy taminareo ary ireo zava-manan'ainan'ny nofo rehetra. Tsy ho tonga safo-drano hanimba ny nofo rehetra intsony ireo rano.
[16]Ny avana dia ho eny amin'ireo rahona ary hahita izany Aho, mba hahatsiarovana ny fanekena teo amin'Andriamanitra sy ireo zava-manan'ain'ny nofo rehetra izay eny ambonin'ny tany." [17]Avy eo Andriamanitra niteny tamin'i Noa hoe: "Io no famantarana an'ilay fanekena nataoko tamin'ny nofo rehetra izay ambonin'ny tany."
[18]Ireo zanak'i Noa izay nivoaka tao amin'ilay sambo-fiara dia i Sema, Hama ary Jafeta. Hama dia rain'i Kanana. [19]Ireo telo ireo no zanak'i Noa, ary avy amin'izy ireo no nahafeno olona ny tany.
[20]Nanomboka namboly i Noa, ary namboly voaloboka izy. [21]Nisotro ny sasany tamin'ireo divay izy ka mamo. Natory tsy nirakotra tao amin'ny lainy izy.
[22]Avy eo Hama, rain'i Kanana, nahita ny rainy nitanjaka ka niteny tamin'ireo rahalahiny tany ivelany. [23]Ka naka akanjo lava i Sema sy Jafeta ary nametraka izany teo amin'ny sorok'izy ireo roa, ary nankao aorina nampitafy ny rain'izy ireo nitanjaka. Nitodi-doha izy ireo, ka tsy nahita ny fitanjahan'ny rain'izy ireo.
[24]Rehefa taitra avy tamin'ny fahamamoany i Noa, dia nahafantatra ny nataon'ilay zanany faralahy taminy. [25]Ka hoy izy hoe: "Ho voahozona anie Kanana. Ho isan'ireo mpanompon'ireo rahalahiny anie izy."
[26]Niteny koa izy hoe: "Hoderaina anie i Yaveh, Andriamanitr'i Sema, ary ho mpanompony anie i Kanàna. [27]Hanitatra ny fari-tanin'i Jafeta anie Andriamanitra, ary hamela azy hanorina ny tranony eo amin'ireo lain'i Sema. Ho mpanompony anie i Kanana."
[28]Taorian'ny safo-drano, dia niaina dimampolo amby telonjato taona i Noa." [29]Ny fotoana niainan'i Noa dia dimanpolo amby sivinjato taona, ary nodimandry izy avy eo.

10 [1]Ireto avy ny taranak'ireo zanaka lahin'i Noa, dia i Sema, Hama sy Jafeta. Niteraka zaza lahy izy ireo taorian'ny safo-drano.
[2]Ireo zanaka lahin'i Jafeta dia i Gomera, Magoga, Maday, Javana, Tobala, Meseka, sy Tirasa. [3]Ireo zanaka lahin'i Gomera dia i Askenaza, Rifata sy Togarma. [4]Ireo zanaka lahin'i Javana kosa dia i Elisaha, Tarsisy, Kitima, sy Dodanita. [5]Nanomboka

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

teo ny nizarazaran'ireo olon'ny moron-tsiraka ary samy nankany amin'ny taniny avy izy ireo, samy nanana ny fiteniny avy, araka ny fokon'izy ireo, araka ny firenen'izy ireo.
[6]Ireo zanaka lahin'i Hama dia i Kosy, Mizraima, Pota ary Kanana. [7]Ireo zanaka lahin'i Kosy dia i Seba, Havila, Sabta, Ragama ary Sabteka. Ireo zanaka lahin'i Ragama kosa dia Seba sy Dedana.
[8]Kosy dia niteraka an'i Nimroda, izay lehilahy mpandresy voalohany tety an-tany. [9]Izy dia mpihaza mahery teo anatrehan'i Yaveh. Izany no nilazana hoe: "'Toa an'i Nimroda, mpihaza mahery eo anatrehan'i Yaveh." [10]Ireo ivon'ny fanjakany voalohany dia Babela, Ereka, Akada, Kalne, izay tao amin'ny tany Sinara.
[11]Niala tamin'izany tany izany izy ka nankany Asyria ary nanorina an'i Ninive, Rehobot-ira sy Kala [12]ary Resena, izay teo anelanelan'i Ninive sy Kala. Tanàna lehibe izany. [13]Mizraima niteraka ny Lodita, ny Anamita, ny Lehabita, ny Naftohita, [14]ny Patrosita, ny Kaslohita (avy amin'ireo no niavian'ny Filistina), ary ny Kaftorita.
[15]Kanana niteraka an'i Sidona, lahimatoany, sy Heta, [16]ary koa ireo Jebosita, ireo Amorita, ireo Girgasita, [17]ireo Hivita, ireo Arkita, ireo Sinita, [18]ireo Arvadita, ireo Zemarita, sy ireo Hamatita. Taty aoriana dia niely ny fokon'ireo Kananita.
[19]Ny faritany Kananita dia nanomboka teo Sidona, mitohy mankany Gerara ka hatrany Gaza, ary ny iray izay mankany Sodoma, Gomora, Adma, ary Zeboima, ka hatrany Lasa. [20]Ireo no zanak'i Hama, araka ny fokon'izy ireo, araka ny fiteniny avy, tao amin'ny tanin'izy ireo, ary tao amin'ny firenen'izy ireo.
[21]Niteraka zaza lahy ihany koa i Sema, ilay zokin'i Jafeta lahimatoa. Razamben'ireo olona rehetra avy ao Ebera ihany koa i Sema. [22]Ireo zanaka lahin'i Sema dia i Elama, Asyra, Arpaksada, Loda ary Arama. [23]Ireo zanaka lahin'i Arama dia i Oza, Hola, Gatera ary Masy.
[24]Ary Arpaksada niteraka an'i Sela, ary Sela niteraka an'i Ebera. [25]Nanana zanaka roa lahy i Ebera. Ny anaran'ny iray dia i Palega satria tamin'ny androny dia voazara ny tany. Joktana no anaran'ny rahalahiny.
[26]Joktana niteraka an'i Almodada, Salefa, Hazarmaveta, Jera, [27]Hadorama, Hozala, Dykla, [28]Obala, Abimaela, Sheba,[29]Ofira, Havila ary Jobaba. Ireo rehetra ireo dia zanaka lahin'i Joktana.
[30]Ny faritanin'izy ireo dia nanomboka teo Mesa, hatrany Sefara, tendrombohitra atsinanana. [31]Ireo no zanaka lahin'i Sema, araka ny foko sy ny fitenin'izy ireo, tao amin'ny tanin'izy ireo, araka ny firenen'izy ireo.
[32]Ireo no fokon'ireo zanak'i Noa, araka ny firazanan'izy ireo, araka ny firenen'izy ireo. Avy amin'ireo no nampisaraka ireo firenena ka niparitaka nanerana ny tany tao aorian'ny safo-drano.

11 [1]Ary ny tany iray manontolo dia nampiasa fiteny iray sy teny iombonana. [2]Raha nandeha niatsinanana izy ireo, dia nahita lohasaha tao amin'ny tanin'i Sinara ka nanorim-ponenana tao.
[3]Nifampilaza izy ireo hoe: "Andao, hanao biriky isika ka handoro tsara izany." Biriky no nananan'izy ireo fa tsy vato ary molanga ho feta. [4]Hoy izy ireo hoe: "Andeha isika hanangana tanàna sy tilikambo izay hanakatra ny lanitra ny tendrony, ary aoka hamoronantsika anarana ho antsika izany. Raha tsy manao izany isika, dia hiparitaka manerana an'izao tontolo rehetra izao."
[5]Noho izany dia nidina Yaveh mba hijery ilay tanàna sy ilay tilikambo izay natsangan'ireo taranak'i Adama. [6]Hoy Yaveh hoe: "Indro, vahoaka iray mitovy fiteny ihany ireo, ary manomboka manao izany izy ireo! Atsy ho atsy dia tsy hisy zavatra izay kasain'izy ireo hatao ka tsy ho vitan'izy ireo. [7]Koa, andeha isika hidina ka hampifangaro ny fitenin'izy ireo eny, mba tsy hifankahazo izy ireo."
[8]Ka naparitak'i Yaveh avy teo hanerana ny velaran-tany rehetra izy ireo ary natsahatr'izy ireo ny fananganana ny tanàna.
[9]Noho izany, dia natao hoe Babela ny anaran'izany, satria tao no nanafangaron'i Yaveh ny fitenin'ny tany iray manontolo ary avy tao no nanaparitahan'i Yaveh azy ireo tany ivelany manerana ny velaran-tany rehetra.
[10]Ireto ny taranak'i Sema. Zato taona i Sema, ary roa taona taorian'ny safo-drano dia niteraka an'i Arpaksada izy. [11]Mbola velona dimanjato taona izy rehefa tonga rain'i Arpaksada izy. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy hafa ihany koa izy.
[12]Rehefa feno dimy amby telopolo taona i Arpaksada, dia niteraka an'i Sela. [13]Niaina 403 taona i Arpaksada taorian'ny niterahany an'i Sela. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy hafa ihany koa izy.
[14]Rehefa niaina telopolo taona i Sela, dia niteraka an'i Hebera. [15]Mbola niaina 403 taona i Sela taorian'ny niterahany an'i Hebera. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy hafa ihany koa izy.
[16]Rehefa niaina efatra amby telopolo taona i Hebera, dia niteraka an'i Pelega. [17]Mbola niaina 430 taona i Hebera taorian'ny niterahany an'i Pelega. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy hafa ihany koa izy.
[18]Rehefa niaina telopolo taona i Pelega, dia niteraka an'i Reho. [19]Mbola niaina 209 taona i Pelega taorian'ny niterahany an'i Reho. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy hafa ihany koa izy.
[20]Rehefa niaina roa amby telopolo taona i Reho, dia niteraka an'i Seroga. [21]Mbola niaina 207 taona i Reho taorian'ny niterahany an'i Seroga. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy hafa ihany koa izy.
[22]Rehefa niaina telopolo taona i Seroga, dia niteraka an'i Nahora. [23]Mbola niaina roanjato taona i Seroga taorian'ny niterahany an'i Nahora. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy hafa ihany koa izy.
[24]Rehefa niaina sivy amby roapolo taona i Nahora, dia niteraka an'i Tera. [25]Mbola niaina 119 taona i Nahora taorian'ny niterahany an'i Tera. Niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy hafa ihany koa izy. [26]Rehefa niaina fitopolo taona i Tera, dia niteraka an'i Abrama, Nahora sy Harana.

[27]Ary ireto ireo taranak'i Tera. Niteraka an'i Abrama, Nahora ary i Harana i Tera, ary Harana niteraka an'i Lota. [28]Harana dia maty tao amin'ny tany nahaterahany raha mbola velona i Tera rainy, tao Ora tao Kaldeana.
[29]Nanambady i Abrama sy Nahora. Saray no anaran'ny vadin'i Abrama, ary ny anaran'ny vadin'i Nahora dia i Milka, zanaka vavin'i Harana, izay rain'i Milka sy Iska. [30]Ary Saray dia momba; tsy nanan-janaka izy.
[31]Nentin'i Tera i Abrama zanany lahy, Lota zanaka lahin'i Harana zanany, sy Saray vinantovaviny, vadin'i Abrama zanany lahy, ary niaraka niala tao Ora tao Kaldeana izy ireo, mba ho any amin'ny tany Kanana. Fa nankany Harana izy ireo ary nijanona tao. [32]Niaina 205 taona i Tera ary avy eo dia maty tao Harana.

12 [1]Ary Yaveh niteny tamin'i Abrama hoe: "Mialà amin'ny firenenao, sy amin'ireo havanao, sy amin'ny tokantranon-drainao, hankany amin'ny tany izay hasehoko anao. [2]Hataoko firenena lehibe ianao, ary ho tahiako ianao, ary hataoko lehibe ny anaranao, ary ho fitahiana ianao. [3]Hitahy ireo izay mitahy anao Aho, fa na iza na iza manala baraka anao dia hozoniko. Amin'ny alalanao no hitahiana ireo firenen'ny tany rehetra."
[4]Dia nandeha Abrama, araka izay nolazain'i Yaveh hataony, ary nanaraka azy koa i Lota. Dimy amby fitopolo taona i Abrama raha nandao an'i Harana. [5]Abrama nitondra an'i Saray, vadiny, Lota, zana-drahalahiny, ireo fananana rehetra izay voatahirin'izy ireo, sy ireo vahoaka izay azon'izy ireo tao Harana. Niainga ho any amin'ny tany Kanàna izy ireo, ka tonga tao amin'ny tany Kanàna.
[6]Nandalo ny tany lavitr'i Sekema i Abrama, hatrany amin'ny hazo terebintan'i More. Ireo kananita no nipetraka tao amin'ilay tany tamin'izany andro izany. [7]Niseho tamin'i Abrama i Yaveh, ka niteny hoe: "Ho an'ireo taranakao no hanomezako ity tany ity." Ary Abrama nanorina alitara tany ho an'i Yaveh, izay niseho taminy.
[8]Nifindra nankany amin'ny havoana atsinanan'i Betela izy, izay nanorenany ny lainy, Betela tany andrefana sy Ay tany atsinanany. Teo no nanorenany alitara ho an'i Yaveh sy niantso ny anaran'i Yaveh. [9]Avy eo nanohy ny diany Abrama, nandeha nankany Negeva.
[10]Nisy mosary tao amin'ilay tany, ka nidina tany Egypta Abrama mba hitoetra, fa nahery ny mosary tao amin'ilay tany.
[11]Rehefa nadiva hiditra an'i Egypta izy, dia niteny tamin'i Saray vadiny hoe: "Indro, fantatro fa tena vehivavy tsara tarehy ianao. [12]Rehefa hitan'ireo Egyptiana ianao dia hiteny izy ireo hoe: 'Ity ny vadiny,' ary dia ho vonoin'izy ireo aho, kanefa ianao ho hazonin'izy ireo ho velona. [13]Teneno hoe anabaviko ianao, mba tsy hampaninona ahy noho ianao, ary mba ho voatsitsy ny aiko noho ianao."
[14]Ary tamin'ny fotoana nidiran'i Abrama tao Egypta, dia hitan'ireo egyptiana fa vehivavy tena tsara tarehy tokoa Saray.
[15]Hitan'ireo tandapan'i Farao izy, dia nidera azy tany amin'i Farao, ary dia nalaina ho any an-tokantranon'i Farao ravehivavy. [16]Ary nampiadanin'i Farao i Abrama noho ny amin-dravehivavy, ka nanome azy ondry, omby, ampondra lahy, mpanompo lahy, mpanompo vavy, ampondra vavy, ary rameva.
[17]Avy eo Yaveh nikapoka an'i Farao sy ny ankohonany tamin'ny loza lehibe noho i Saray, vadin'i Abrama. Nampiantso an'i Abrama i Farao, ka niteny hoe: [18]"Inona ity zavatra izay vitanao tamiko? Nahoana no tsy nolazainao tamiko fa vadinao izy? [19]Nahoana ianao no nilaza hoe: 'Anabaviko izy,' mba hangalako azy ho vadiko? Noho izany, indro ny vadinao. Ento izy, ary andeha zory ny lalanao." [20]Ary Farao nanome baiko ireo lehilahiny nahakasika azy, ary nandefa azy lavitra izy ireo, niaraka tamin'ny vadiny sy izay rehetra nananany.

13 [1]Dia niakatra avy tany Egypta i Abrama ary nandeha tao Negeva, izy, ny vadiny, ary izay rehetra nananany. Niaraka tamin'izy ireo ihany koa i Lota. [2]Ary Abrama dia tena nanan-karena biby, volafotsy, ary volamena.
[3]Nanohy ny diany avy ao Negeva ho any Betela izy, ho any amin'ny toerana izay nisy ny lainy taloha, anelanelan'i Betela sy Ay. [4]Nandeha tany amin'ilay toerana izay nisy ny alitara izay namboariny teo aloha izy. Teo no niantsoany ny anaran'i Yaveh.
[5]Ary Lota, izay nandeha niaraka tamin'i Abrama, dia nanana ondry aman'osy, omby, ary lay ihany koa. [6]Tsy nahazaka ny hiarahan'izy ireo mitoetra ny tany, satria maro be ireo fananany, noho izany dia tsy afaka niara-nipetraka izy ireo. [7]Ary koa, nisy fifandirana teo amin'ireo mpiandry ondrin'i Abrama sy ireo mpiandry ondrin'i Lota. Nipetraka tao amin'ilay tany ireo Kananita sy Perizita tamin'izany fotoana izany.
[8]Ka hoy Abrama tamin'i Lota hoe: "Aoka tsy hisy fifandirana amiko sy eo aminao, ary eo amin'ireo mpiandry ondrinao sy ireo mpiandry ondriko; sady mpianakavy rahateo isika. [9]Tsy eo anoloanao ve ny tany iray manontolo? Mandehana tsy am-pihambahambana ary misaraha amiko. Raha mandeha miankavia ianao, dia handeha miankavanana aho. Na raha mandeha miankavanana ianao, dia handeha miankavia aho."
[10]Dia nijery nanodidina i Lota, ary nahita fa ny lemak'i Jordana rehetra dia voatondraka tsara na taiza na taiza tamin'ny lalana rehetra mankany Zoara, tahaka ny sahan'i Yaveh, tahaka ny tanin'i Egypta. Izany dia talohan'ny nandravan'i Yaveh an'i Sodoma sy Gomora. [11]Noho izany Lota dia nifidy ny lemak'i Jordana rehetra ho azy ary nandeha niatsinanana, ka nisaraka ireo mpihavana.
[12]Nipetraka tany amin'ny tany Kanàna i Abrama, ary Lota nipetraka teo amin'ireo tanànan'ny lemaka. Nanorina ny lainy ho lavitra manakaiky an'i Sodoma izy. [13]Ary ireo olon'i Sodoma dia tena mpanota ratsy fanahy manohitra an'i Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Niteny tamin'i Abrama i Yaveh tao aorian'ny nialàn'i Lota teo aminy hoe: "Mijere avy eo amin'ny toerana izay hijoroanao mianavaratra, mianatsimo, miatsinanana, ary miakandrefana. [15]Ireo tany rehetra izay hitanao, dia homeko anao sy ireo taranakao mandrakizay.
[16]Hataoko maro toy ny vovoky ny tany ireo taranakao, ka amin'izay raha misy lehilahy iray afaka manisa ny vovoky ny tany, dia afaka isaina ihany koa ireo taranakao. [17]Mitsangàna, ary mandehana mamakivaky ny halava sy ny sakan'ny tany, fa homeko anao izany." [18]Dia nangorona ny lainy Abrama, ary nandeha ka nipetraka teo akaikin'ny hazo terebintan'i Mamre, izay any Hebrona, ary nanamboatra alitara ho an'i Yaveh tany.

14 [1]Ary tamin'ny andron'i Amrafela, mpanjakan'i Sinara, sy Arioka, mpanjakan'i Elasara, sy Kedorlaomera mpanjakan'i Elama ary Tidala mpanjakan'i Goima, [2]dia nanao ady izy ireo hanoherana an' i Bera, mpanjakan'i Sodoma sy Birsa mpanjakan'i Gomora sy Sinaba mpanjakan'i Adma, sy Semebera, mpanjakan'i Zeboima, ary ny mpanjakan'i Bela (nantsoina koa hoe: Zoara).
[3]Ireto mpanjaka dimy farany dia nifampitaona niaraka tao andohasahan'i Sidima (nantsoina ihany koa hoe: ranomasin-tsira). [4]Roa ambin'ny folo taona no nanompoan'izy ireo an'i Kedorlaomera, saingy tamin'ny taona fahatelo ambin'ny folo dia nikomy kosa izy ireo. [5]Ary tamin'ny taona fahefatra ambin'ny folo, dia tonga i Kedorlaomera sy ireo mpanjaka niaraka taminy ary nanafika an'i Refaita tao Astarta-Kamaima, Zozima tany Hama, Emima tao Save-kiriataima, [6]ary ny Horita tao an-tendrombohitr'i Seira, hatrany Elparana, izay akaikin'ny tany efitra.
[7]Avy eo dia niverina izy ireo ary tonga tany Ena-mispata (nantsoina koa hoe: Kadesy), ary nandresy ireo firenen'ny Amalekita, sy ireo Amorita izay nonina tany Hazazon-tamara ihany koa. [8]Avy eo ny mpanjakan'i Sodoma, ny mpanjakan'i Gomora, mpanjakan'i Adma, mpanjakan'i Zeboima ary ny mpanjakan'i Bela (nantsoina koa hoe: Zoara) dia nivoaka ary niomana [9]ho amin'ny ady hanoherana ireo Kedorlaomera, mpanjakan'i Elama, Tidala, mpanjakan'i Goima, Amrafela, mpanjakan'i Sinara, Arioka, mpanjakan'i Elasara; mpanjaka efatra nanohitra ireo dimy.
[10]Ary ny lohasahan'i Sidima dia feno lavaka misy ditin-tany, ary rehefa nandositra ny mpanjakan'i Sodoma sy ny mpanjakan'i Gomora, dia nilatsaka tao izy ireo. Ary ireo izay tavela dia nandositra tany amin'ireo tendrombohitra. [11]Ka nalain'ny fahavalo ireo haren'i Sodoma sy Gomora rehetra sy ireo tahiry rehetra, ary dia lasa nandeha tamin'ny lalan'izy ireo. [12]Ary rehefa nandeha izy ireo, dia nentiny koa i Lota, zana-drahalahin'i Abrahama, izay nipetraka tao Sodoma, niaraka tamin'ny fananany rehetra.
[13]Ilay iray izay afa-nandositra dia tonga ary nilaza tamin'i Abrama ilay Hebreo. Izy dia nonina tao amin'ny hazo terebintan'i Mamre, Amorita, izay rahalahin'i Eskola sy Anera; izy rehetra ireo izay mpiandany amin'i Abrama. [14]Ary rehefa ren'i Abrama fa voasambotr'ireo fahavalo ny havany, dia notarihiny ireo lehilahiny 318 voahofana izay teraka tao an-tranony, ka nanaraka azy ireo hatrany Dana.
[15]Nozarainy ny alina ireo lehilahiny hanohitra azy ireo ary nanafika azy ireo, sy nanenjika azy ireo hatrany Hoba, izay ao avaratr'i Damaskosy. [16]Avy eo dia nampodiny ireo fananana rehetra, ary nampody an'i Lota havany sy ireo zava-tsoany ihany koa, mbamin'ireo vehivavy sy ny vahoaka hafa.
[17]Ary rehefa niverina avy nandresy an'i Kedorlaomera sy ireo mpanjaka niaraka taminy i Abrama, dia nivoaka mba hihaona aminy tao an-dohasaha Save ilay mpanjakan'i Sodoma (Nantsoina ihany koa hoe: lohasahan'ny mpanjaka).
[18]Nitondra mofo sy divay i Melkizedeka, mpanjakan'i Salema. Mpisoron'Andriamanitra Avo Indrindra izy.
[19]Nitso-drano azy izy manao hoe: "Ho tahian'Andriamanitra Avo Indrindra, Mpahary ny lanitra sy ny tany anie Abrama.
[20]Isaorana anie Andriamanitra Avo Indrindra, izay nanolotra ireo fahavalonao teo an-tananao." Avy eo dia nomen'i Abrama azy ny ampahafolon'ny zava-drehetra.
[21]Hoy ny mpanjakan'i Sodoma tamin'i Abrama hoe: "Omeo ahy ny olona, ary ento ho anao ireo fananana." [22]Hoy Abrama tamin'ny mpanjakan'i Sodoma hoe: "Izaho dia efa nanangana ny tanako tamin'i Yaveh, Ilay Andriamanitra Avo indrindra, Izay nahary ny lanitra sy ny tany, [23]fa tsy handray singa taretra, fehin-kapa iray, na zavatra hafa izay anao aho, mba tsy hahafahanao milaza hoe: 'Izaho no nampanankarena an'i Abrama.' [24]Tsy haka na inona na inona afa-tsy izay efa nohanin'ireo zatovo sy ny anjaran'ireo lehilahy izay niaraka tamiko aho. Aoka ho raisin'i Anera sy Eskola ary Mamre ny anjaran'izy ireo."

15 [1]Tao aorian'ireo zavatra ireo dia tonga tamin'i Abrama tamin'ny fahitana ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: "Aza matahotra, ry Abrama! Izaho no ampinganao sy valisoa lehibe indrindra ho anao." [2]Hoy Abrama hoe: "Tompo Yaveh o, inona no homenao ahy, satria tsy mbola manan-janaka ihany aho, ary i Eliziera avy any Damaskosy no mpandova ny tranoko?" [3]Hoy Abrama hoe: "Satria tsy nomenao taranaka aho, dia indro, ny mpitatan-draharaha ny tranoko no mpandova ahy."
[4]Avy eo, dia indro, tonga taminy ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: "Tsy ho mpandova anao izany lehilahy izany; fa izay avy amin'ny nofonao ihany kosa no ho lasa mpandova anao." [5]Dia nitondra azy nivoaka Izy, ary nanao hoe: "Jereo ny lanitra, ary isao ireo kintana, raha afaka ny hanisa ireo ianao." Avy eo niteny taminy Izy hoe: "Dia ho toy izany ireo taranakao."
[6]Nino an'i Yaveh izy, ary nisainy ho fahamarinana ho azy izany. [7]Niteny taminy Izy hoe: "Izaho no Yaveh, izay nitondra anao nivoaka avy tao amin'ny Oran'ny Kaldeanina, mba hanome anao ity tany ity mba handova izany." [8]Hoy izy hoe: "Ry Tompo Yaveh, ahoana no hahafantarako fa handova izany aho?"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Avy eo hoy Izy taminy hoe: "Hitondrao zanak'omby vavy telo taona aho, osy vavy telo taona, ondry vavy telo taona, voromailala, ary zana-boromailala." [10]Nentiny teo aminy avokoa ireo rehetra ireo, ary nanapaka ireo ho roa, ka nametraka ny antsasany tsirairay avy nifanatrika, fa ireo vorona kosa tsy nozarainy. [11]Raha vao nidina teo ambonin'ny karakasy ireo voron'ny haza, dia noroahin'i Abrama izy ireo.
[12]Ary rehefa nilentika ny masoandro, dia latsaka tao anaty tori-maso lalina i Abrama ary, indro, nisy aizina lalina sy nampihororo nandifotra azy. [13]Dia niteny tamin'i Abrama i Yaveh hoe: "Fantaro marina fa ireo taranakao dia ho vahiny amin'ny tany izay tsy azy ireo, ary ho andevozina sy ampahoriana mandritry ny efajato taona.
[14]Hitsara izany firenena izay ho tompoin'izy ireo izany Aho, ary rehefa afaka izany dia hivoaka miaraka amin'ny fananana mitobaka izy ireo. [15]Fa ianao dia ho any amin'ny razambenao am-piadanana, ary halevina amin'ny fahanterana.
[16]Any amin'ny taranaka faha efatra dia ho tonga eto indray izy ireo, fa ny helok'ireo Amorita dia tsy mbola nahatratra ny fetrany."
[17]Rehefa nilentika ny masoandro ary maizina, dia indro, nisy vilany nivoaka setrok'afo sy fanilo nandalo teo anelanelan'ireo singany. [18]Tamin'io andro io dia nanao fanekena niaraka tamin'i Abrama i Yaveh, nanao hoe: "Homeko ho an'ny taranakao etoana ity tany ity, manomboka amin'ny reniranon'i Egypta ka hatrany amin'ny renirano lehibe, Eofrata — [19]ireo Kenita, Kenizita, Kadmonita, [20]Hetita, Perizita, Refaita, [21]Amorita, Kananita, Girgasita, ary ireo Jebosita."

16 [1]Ary Saray, vadin'i Abrama, dia tsy mba niteraka zaza ho azy, saingy nanana mpanompo vavy iray izy, izay Egyptiana, antsoina hoe Hagara. [2]Koa hoy Saray tamin'i Abrama hoe: "Indro, tsy namela ahy hanan-janaka Yaveh. Mandehana mandry miaraka amin'ny mpanompo vaviko. Izany angamba no mety hahazoako zanaka avy aminy." Nihaino ny feon'i Saray i Abrama. [3]Folo taona taorian'ny nonenan'i Abrama tao an-tany Kanàna no nanomezan'i Saray, vadin'i Abrama, an'i Hagara mpanompo vaviny Egyptiana, ho vadin'ny vadiny. [4]Koa niray tamin'i Hagara izy, ary nitoe-jaza. Rehefa hitany fa nitoe-jaza izy, dia nijery ny tompo vaviny tamin'ny fanamavoana.
[5]Ary hoy Saray tamin'i Abrama hoe: "Noho ny aminao ihany izao ratsy mihatra amiko izao. Nomeko ho eo an-tratranao ny mpanompo vaviko, ary rehefa hitany fa nitoe-jaza izy, dia namavoina teo imasony aho. Aoka Yaveh no hitsara ahy sy ianao." [6]Fa hoy Abrama tamin'i Saray hoe: "Indro, eo amin'ny fahefanao ny mpanompo vavinao, ataovy aminy izay heverinao ho mety indrindra." Koa dia nanao fitondrana mafy taminy i Saray, ka nandositra azy.
[7]Nahita azy teo akaikin'ny loharano iray tany an-tany hay ilay anjelin'i Yaveh, ilay loharano teny an-dalana nankany Sora.
[8]Hoy izy hoe: "Ry Hagara, mpanompon'i Saray, avy aiza ianao ary handeha ho aiza?" Ary hoy izy hoe: "Mandositra an'i Saray tompoko vavy aho."
[9]Ny anjelin'i Yaveh niteny taminy hoe: "Miverena any amin'ny tompo vavinao, ary mihareta amin'ny fahefany." [10]Ary hoy ilay anjelin'i Yaveh taminy hoe: "Hampitombo isa ny taranakao tokoa Aho, hany ka tsy ho tambo isaina izy ireo."
[11]Hoy ihany koa ilay anjelin'i Yaveh taminy hoe: "Indro, mitoe-jaza ianao, ary hiteraka zaza lahy, ary ny anarany dia hataonao hoe Ismaela, satria nandre ny fahorianao Yaveh. [12]Ho borikidian'ny olona izy. Handrafy ny olona rehetra izy, ary ny olona rehetra hirafy aminy, ary honina lavitra ny rahalahiny rehetra izy.
[13]Ary nomeny an'i Yaveh izay niresaka taminy izao anarana izao: "Ianao no Andriamanitra izay mahita ahy," fa hoy izy hoe: "Mbola mahita ihany tokoa ve aho, na dia taorian'ny nahitany ahy aza?" [14]Noho izany dia nantsoina hoe Bera-lahai-roy ilay fantsakana; indro, eo anelanelan'i Kadesa sy Bereda izany.
[15]Niteraka ny zanaka lahin'i Abrama i Hagara, ary nomen'i Abrama anarana hoe Ismaela ny zanany, izay naterak'i Hagara. [16]Enina amby valopolo taona i Abrama tamin'ny niterahan'i Hagara an'Ismaela ho zanany.

17 [1]Tamin'i Abrama sivy amby sivifolo taona, dia niseho taminy Yaveh ary niteny taminy hoe: "Izaho no Andriamanitra Tsitoha. Mandehana eo anoloako, ary aoka tsy hisy tsiny. [2]Dia hanamafy ny fanekeko teo Amiko sy ianao Aho, ary hanamaro anao fatratra."
[3]Niankohoka tamin'ny tany Abrama ary niteny taminy Andriamanitra, nanao hoe: [4]"'Raha ny Amiko, dia indro, aminao ny fanekeko. Ho rain'ny firenena maro ianao. [5]Tsy ho Abrama intsony ny anaranao, fa hatao hoe Abrahama—satria manendry anao ho rain'ny firenena maro Aho. [6]Hahamaro anao fatrara Aho, ary hataoko firenena maro ianao, ary hisy mpanjaka ho avy aminao.
[7]Haoriko ny fanekeko eo Amiko sy aminao ary ny taranaka aorianao, amin'ireo taranaka faramandimbin'izy ireo ho fanekena tsy manam-pahataperana, mba ho Andriamanitrao sy ho an'ireo taranaka mandimby anao Aho. [8]Homeko anao, sy ireo taranaka mandimby anao, ny tany nipetrahanao, dia ny tany Kanàna rehetra, ho fananana mandrakizay, ary Izaho ho Andriamanitr'izy ireo."
[9]Avy eo Andriamanitra niteny tamin'i Abrahama hoe: "Raha ny aminao, dia tsy maintsy mitandrina ny fanekeko, ianao sy ny taranakao aorianao hatramin'ny taranaka faramandimbin'izy ireo. [10]Izao no fanekeko, izay tsy maintsy tandremanao, eo Amiko sy aminao ary ny taranaka aorianao: Tsy maintsy foraina ny lehilahy rehetra eo aminareo. [11]Tsy maintsy foraina ny nofon'ny loha tsitsinareo, ka izany no famantarana ny fanekena eo Amiko sy aminao.
[12]Ny zazalahy valo andro rehetra eo aminao, hatramin'ny taranak'ireo olonao dia tsy maintsy foraina. Anisan'izany izay teraka avy tao amin'ny ankohonanao sy izay novidiana vola avy tamin'ny vahiny izay tsy iray amin'ireo taranakao. [13]Tsy maintsy foraina avokoa izay teraka avy tao amin'ny ankohonanao sy izay novidiana tamin'ny volanao. Amin'izany ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fanekeko dia ho ao amin'ny nofonareo mba ho fanekena mandrakizay. [14]Na iza na iza lehilahy tsy mifora izay tsy noforaina ny nofon'ny loha tsitsiny dia hesorina amin'ny vahoakany. Nandika ny fanekeko izy."
[15]Ary Andriamanitra niteny tamin'i Abrahama hoe: "Raha ny amin'i Saray vadinao, dia aza antsoina hoe Saray intsony izy. Fa kosa, Saraha no ho anarany. [16]Hitahy azy Aho, ary homeko zanaka lahy avy aminy ianao. Hitahy azy Aho, ary ho renin'ny firenena maro izy. Avy aminy ireo mpanjakan'ny olona."
[17]Avy eo niankohoka tamin'ny tany Abrahama, ary nihomehy, ka niteny tao am-pony hoe: "Moa mbola hisy zaza afaka hateraka ho an'ny lehilahy izay efa zato taona ve? Ahoana no hahafahan'i Saraha, izay efa sivifolo taona, hitondra vohoka?" [18]Hoy Abrahama tamin'Andriamanitra hoe: "Enga anie Ismaela mba ho velona eo anatrehanao!"
[19]Hoy Andriamanitra hoe: "Tsia, fa Saraha vadinao dia hanome zanaka lahy ho anao, ary tsy maintsy ataonao hoe Isaka ny anarany. Haoriko aminy ho fanekena mandrakizay miaraka amin'ireo taranaka faramandimbiny ny fanekeko. [20]Raha ny amin'Ismaela, dia efa reko ianao. Indro, mitso-drano azy Aho, ary hampamokatra azy, sy hampitombo azy fatratra. Ho rain'ireo mpitarika ny foko roa ambin'ny folo izy, ary hataoko tonga firenena lehibe. [21]Fa ny fanekeko dia haoriko amin'Isaka, izay haterak'i Saraha ho anao amin'ny fotoana toy izao amin'ny taona manaraka."
[22]Rehefa avy niresaka taminy Izy, dia niakatra niala avy teo amin'i Abrahama Andriamanitr. [23]Avy eo Abrahama naka an'Ismaela zanany lahy, sy ireo rehetra tao amin'ny ankohonany, ary ireo rehetra novidiany vola, ny lehilahy rehetra tao amin'ny tokantranon'i Abrahama, ka namora ny nofon'izy ireo tamin'io andro io, araka ny nolazain'Andriamanitra taminy.
[24]Sivy amby sivifolo taona Abrahama tamin'izy noforaina ny lohantsitsiny. [25]Telo ambin'ny folo taona Ismaela tamin'izy noforaina tamin'ny nofo. [26]Tamin'io andro io dia samy voafora Abrahama sy Ismaela zanany. [27]Noforaina niaraka taminy ireo lehilahy rehetra tao an-tokantranony, anisan'izany ireo teraka avy tao amin'ny tokantranony sy ireo novidiana vola avy tamin'ny vahiny.

18 [1]Niseho tamin'i Abrahama teo akaikin'ny hazo terebintan'ny Mamre i Yaveh, raha nipetraka teo antokanam-baravaran'ny lay tamin'ny misandratr'andro izy. [2]Niandrandra izy ary, indro, nahita lehilahy telo nitsangana teo amin'ny tandrifiny. Rehefa hitany izy ireo, dia nihazakazaka hijery azy ireo avy eo am-baravaran'ny lay izy ary niankohoka ambany tamin'ny tany.
[3]Hoy izy hoe: "Tompo, raha nahita sitraka teo imasonao aho, dia aza mandalo na mandao ity mpanomponao. [4]Aoka hisy rano kely ho entina, sasao ny tongotrareo, ary mijànona eo ambany hazo. [5]Avelao aho hitondra sakafo kely, mba hahafahanareo mamelombelona ny tenanao. Rehefa afaka izany dia afaka mandeha amin'ny lalanareo ianareo, satria tonga teo amin'ny mpanomponareo ianareo." Namaly izy ireo hoe: "Ataovy toy ny noteneninao."
[6]Avy eo Abrahama niditra haingana tao an-day tao amin'i Saraha, ary nanao hoe: "Faingàna, mitondrà koba tsara intelon'ny Sea, volavolay izany, ary ataovy mofo." [7]Dia nihazakazaka tany amin'ny mpiandry ondry Abrahama, ary naka zanak'omby izay malambolambo sy tsara, ary nanome izany an'ilay mpanompo, ary nikoropaka hikarakara izany izy.
[8]Naka vaingan-dronono sy ronono izy, ary ilay zanak'omby izay efa voakarakara, ary nametraka ny sakafo teo anoloan'izy ireo, ary nitsangana teo akaikin'izy ireo teo ambanin'ny hazo izy raha mbola nihinana izy ireo.
[9]Niteny tamin'izy ireo izy hoe: "Aiza i Saraha vadinao?" Namaly izy hoe: "Ao anaty lay ao." [10]Hoy izy hoe: "Hiverina aty aminao tokoa aho amin'ny lohataona, ary indro, hanan-janaka lahy i Saraha vadinao." Nihaino teo antokonam-baravaran'ny lay, izay tao aoriany i Saraha.
[11]Ary efa antitra Abrahama sy Saraha, nandroso taona tokoa, ary efa nihoatra ny taona izay hahafahan'ny vehivavy mitondra anaka i Saraha. [12]Dia nihomehy ny tenany Saraha, nanao tamin'ny tenany hoe: "Rehefa tsy misy ilaina ahy ary ny tompoko dia antitra, hanana izany fahafinaretana izany ve aho ankehitriny?"
[13]Yaveh niteny tamin'i Abrahama hoe: "Naninona no nihomehy Saraha ary niteny hoe: 'Hanan'anaka tokoa ve aho, na dia antitra aza aho?' [14]Moa misy zavatra sarotra loatra amin'i Yaveh ve? Amin'ny fotoana voatondroko, amin'ny lohataona, hiverina any aminao Aho. Amin'izany fotoana izany amin'ny taona ho avy dia hanan-janaka lahy Saraha." [15]Ary nandà izany Saraha ary nanao hoe: "Tsy nihomehy aho," satria natahotra izy. Namaly Izy hoe: "Tsia, nihomehy tokoa ianao."
[16]Dia nitsangana ireo lehilahy mba handeha ary nijery tany Sodoma. Nandeha niaraka tamin'izy ireo Abrahama mba hijery azy ireo teny amin'ny lalan'izy ireo. [17]Fa hoy Yaveh hoe: "Tokony afeniko amin'i Abrahama ve izay ho ataoko, [18]satria tokoa Abrahama dia ho lasa firenena lehibe sy mahery, ary ireo firenena rehetra eto ambonin'ny tany dia ho tahiana avy aminy? [19]Fa nifidy azy Aho mba hahafahany mampianatra ireo zanany sy ny ankohonany hanaraka azy mba hitandrina ny lalàn'i Yaveh, mba hanao ny fahamarinana sy ny rariny, mba hahafahan'i Yaveh mitondra eo amin'ny i Abrahama izay nolazainy taminy."
[20]Dia niteny Yaveh hoe: "Satria lehibe loatra ny fitarainana ny amin'i Sodoma sy Gomora, ary satria be loatra ny fahotan'izy ireo, [21]dia hidina any Aho izao ary hijery ny fitarainana ny aminy izay tonga tamiko, na nanao izany tokoa izy ireo. Raha tsy izany, dia ho fantatro."
[22]Noho izany dia nihodina avy tao ireo lehilahy, ary nandeha nankany Sodoma, fa Abrahama nijanona nitsangana teo anoloan'i Yaveh. [23]Avy eo Abrahama nanatona ary niteny hoe: "Hifaoka ny marina miaraka amin'ny ratsy fanahy ve Ianao?"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Angamba misy marina dimampolo ao amin'ny tanàna. Handripaka izany ve Ianao ary tsy hamindra fo ny toerana nohon'ny amin'ny dimampolo marina izay ao? [25]sanatria aminao ny hanao zavatra toy izany, mamono ny marina miaraka amin'ny ratsy fanahy, mba hahafahana mitondra ny marina tahaka ny ratsy fanahy. sanatria aminao izany! Tsy hanao izay marina ve ny Mpitsaran'ny tany rehetra? [26]Hoy Yaveh hoe: "Raha mahita marina dimampolo ao an-tanàna ao Sodoma Aho, dia hamindra fo ny toerana manontolo nohon'ny amin'izy ireo."
[27]Namaly Abrahama ary nanao hoe: "Indro, nanaiky ny niresahako taminy ny Tompoko, na dia vovoka sy lavenona ihany aza aho! [28]Ahoana raha latsaka dimy ny dimampolo marina? Handrava ny tanàna manontolo nohon'ny dimy tsy ampy ve Ianao?" Dia hoy Izy hoe: "Tsy handrava izany Aho, raha mahita dimy amby efapolo ao."
[29]Dia mbola niteny taminy indray izy, ary nanao hoe: "Ahoana raha misy efapolo hita ao?" Namaly Izy hoe: "Tsy hanao izany nohon'ny efapolo Aho." [30]Hoy izy hoe: "Azafady aza tezitra, ry Tompo, mba hafahako miteny. Angamba telopolo no ho hita ao." Namaly Izy hoe: "Tsy hanao izany Aho, raha mahita telopolo ao." [31]Hoy izy hoe: "Indro, nanaiky hiteny tamin'ny Tompoko aho! Angamba roapolo no ho hita ao." Namaly Izy hoe: "Tsy handrava izany nohon'ny roapolo Aho."
[32]Hoy izy hoe: "Azafady aza tezitra, ry Tompo, ary hiteny ity farany aho. Angamba folo no ho hita ao." Dia niteny Izy hoe: "Tsy handrava izany nohon'ny folo Aho. [33]Nandeha tamin'ny lalany Yaveh vantany vao avy niresaka tamin'i Abrahama, ary Abrahama niverina nody.

19 [1]Tonga tao Sodoma ireo anjely anankiroa rehefa hariva, raha mbola nipetraka teo ambavahadin'i Sodoma i Lota. Hitan'i Lota izy ireo, nitsangana hitsena azy ireo, ary nampiankohoka ny tavany tamin'ny tany. [2]Hoy izy hoe: "Tompoko, miangavy anareo re aho mba hivily ao an-tranon'ny mpanomponareo, mijanòna ao anio alina, ary sasao ny tongotrareo. Dia afaka mifoha vao mangiran-dratsy ianareo ary mandeha amin'izay lalan-kalehanareo. Namaly izy ireo hoe: "Tsia, handany ny alina eo an-kianjan'ny tanàna izahay." [3]Fa niangavy fatratra azy ireo izy, ka niaraka taminy izy ireo, ary nandroso tao an-tranony. Nahandro sakafo sy nanendy mofo tsy misy masirasira izy, dia nihinana izy ireo.
[4]Kanefa talohan'ny natorian'izy ireo, ny lehilahin'ny tanàna, ny lehilahin'i Sodoma, dia nihodidina ny trano, ny tanora sy ny antitra, ireo lehilahy rehetra avy amin'ny faritry ny tanàna. [5]Nantsoin'izy ireo Lota, ka niteny taminy hoe: "Aiza ireo lehilahy izay tonga tato aminao tamin'ity alina ity? Ento aty aminay izy ireo, mba hafahanay miara-mandry amin'izy ireo."
[6]Ka nivoaka ny varavarana ho eo amin'izy ireo Lota ary nanakatona ny varavarana tao aoriany. [7]Hoy izy hoe: "Ry rahalahiko, miangavy anareo aho, aza manao zava-dratsy loatra. [8]Indro, manan-janaka vavy anankiroa izay tsy mbola niara-nandry tamin'ny lehilahy aho. Avelao aho, mitalaho aminareo aho, entiko eto aminareo ireo, ary ataovy amin'izy ireo izay tsara eo imasonareo. Aza manao na inona na inona amin'ireo lehilahy ireo, satria tonga ato ambany aloky ny tafoko izy ireo."
[9]Hoy izy ireo hoe: "Mialà!" Hoy ihany koa izy ireo hoe: "Ity iray ity dia tonga teto mba hitoetra ho vahiny, ary izao izy indray no ho lasa mpitsara antsika! Ary ankehitriny dia hanao izay ratsy indrindra miaraka aminao noho ny miaraka amin'izy ireo izahay." Nanosika mafy nanohitra an'ilay lehilahy izy ireo, nanohitra an'i Lota, ary nanakaiky mba hamaky ny varavarana.
[10]Fa ireo lehilahy nanandratra ny tanan'izy ireo sy nisintona an'i Lota hiditra ao an-trano hiaraka amin'izy ireo ary nanakatona ny varavarana. [11]Ary ireo vahinin'i Lota namely hajambana ireo lehilahy izay tao ivelan'ny varavaran'ny trano, ny kely sy lehibe, mba hahatonga azy ireo sasa-poana raha niezaka nitady ny varavarana izy ireo.
[12]Dia niteny tamin'i Lota ireo lehilahy hoe: "Mbola misy olon-kafa ve ato aminao? Vinanto lahy, ireo zanaka lahinao sy ireo zanaka vavinao, ary izay hanananao eto amin'ity tanàna ity, dia ento mivoaka eto izy ireo. [13]Fa efa ho ravainay ity toerana ity, satria ny fiampangana izany eo anatrehan'i Yaveh dia tonga mafy loatra ka nirahany handrava izany izahay."
[14]Nandeha Lota ary nampilaza ireo vinanto lahiny, ireo lehilahy izay efa nampanantena hanambady ireo zanany vavy, ary niteny hoe: "Faingàna, mialà amin'ity toerana ity ianareo, fa efa ho ravain'i Yaveh ity tanàna ity." Fa tamin'ireo vinanto lahiny dia toy ny nivazivazy izy. [15]Vao mangiran-dratsy ny andro, dia nitalaho tamin'i Lota ireo anjely, niteny hoe: "Mandehana, ento ny vadinao sy ireo zanakao roa vavy izay eto, mba tsy ho voaringana koa ianao amin'ny famaizana ny tanàna."
[16]Kanefa nitaredretra izy. Dia nohazonin'ireo lehilahy ny tanany, sy ny tanan'ny vadiny, ary ny tanan'ireo zanany roa vavy, satria be famindram-po taminy i Yaveh. Nentin'izy ireo niala izy ireo, ary napetrak'izy ireo ivelan'ny tanàna.
[17]Rehefa tafavoakan'izy ireo teny ivelany izy ireo, dia niteny ny iray tamin'ireo lehilahy hoe: "Mandosira ho amin'ny ainareo! Aza miherika, na mijanona amin'ny tany lemaka. Mandosira any an-tendrombohitra mba tsy ho voaringana ianareo."
[18]Hoy Lota tamin'izy ireo hoe: "Tsia re tompoko o! [19]Efa nahita sitraka teo imasonao ny mpanomponao, ary efa naneho hatsaram-panahy lehibe tamiko ianao tamin'ny namonjenao ny aiko, kanefa tsy afaka ny handositra ho any an-tendrombohitra aho, satria hahatratra ahy ny loza, ary ho faty aho. [20]Fa indro, iry tanàna iry dia akaiky kokoa azo handosirana tsara, ary kely izy io. Tompoko, aoka re aho handositra ao (tsy kely ve io?), ary dia ho voavonjy ny aiko."
[21]Hoy izy taminy hoe: "Eny ary, ekeko ihany koa izany fangatahana izany, fa tsy hamotika ny tanàna izay nolazainao teo aho. [22]Faingàna! Mandosira any, fa tsy afaka hanao na inona na inona aho mandra-pahatonganao any." Noho izany no niantsoana ny tanàna hoe: Zoara.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Efa niposaka tamin'ny tany ny masoandro nony tonga tao Zoara i Lota. [24]Dia nandatsaka solifara sy afo avy tany andanitra tamin'i Sodoma sy Gomora i Yaveh. [25]Nopotehiny ireo tanàna ireo, sy ny lemaka rehetra, sy ireo mponina rehetra tao amin'ireo tanàna, ary ireo zava-maniry izay naniry tamin'ny tany.
[26]Nefa ny vadin'i Lota, izay tao aoriany, niherika, ary dia tonga vongan-tsira izy. [27]Nifoha vao maraina Abrahama ka nankany amin'ilay toerana izay nijoroany teo anatrehan'i Yaveh. [28]Nitazana an'i Sodoma sy Gomora sy ny tany lemaka rehetra izy. Nijery izy ka indro, niakatra tahaka ny setrokin'ny lafaoro lehibe ny setroka avy tamin'ny tany.
[29]Ary rehefa nandrava ireo tany lemaka Andriamanitra, dia nahatsiaro an'i Abrahama. Nentiny niala avy tao afovoan'ny fandravana i Lota rehefa nandrava ny tanàna izay nonenan'i Lota Izy.
[30]Dia niakatra avy tao Zoara i Lota mba honina tany amin'ireo tendrombohitra niaraka tamin'ireo zanany roa vavy, satria natahotra ny hitoetra tao Zoara izy. Nitoetra tanatina lava-bato iray izy, izy sy ireo zanany roa vavy.
[31]Hoy ny vavimatoa tamin'ny zandriny hoe: "Efa antitra ny raintsika, ary tsy misy lehilahy hiara-mandry amintsika araka izay fanaon'izao tontolo izao. [32]Avia, Andeha hampisotrointsika divay ny raintsika, ary hiaraka handry aminy isika, mba hafahantsika manitatra ny taranaky ny raintsika." [33]Ka dia nampisotroin'izy ireo divay ny rainy tamin'io alina io. Avy eo dia niditra ilay vavimatoa ary nandry niaraka tamin-drainy; kanefa izy dia tsy nahafantatra ny fotoana izay nandriany, na ny nifohazany.
[34]Nony ampitso dia niteny tamin'ny zandriny ilay vavimatoa hoe: "Henoy, nandry niaraka tamin'ny raiko aho alina. Koa andeha hampisotrointsika divay ihany koa izy anio alina, ary tokony miditra ao ianao ary mandry miaraka aminy, mba hafahantsika manitatra ny taranaky ny raintsika." [35]Ka nampisotroin'izy ireo divay indray ny rainy tamin'io alina io, ary nandeha nandry niaraka taminy ilay zandriny. Tsy nahafantatra izay nandriany izy, na izay nifohazany.
[36]Noho izany dia samy nanan'anaka tamin'ny rainy ireo zanaka vavin'i Lota. [37]Ny vavimatoa dia niteraka zazalahy, ary nantsoina hoe Moaba. Izy no lasa razamben'ny Moabita ankehitriny. [38]Ary ilay faravavy, dia niteraka zazalahy ihany koa, ary niantso azy hoe Benamy. Lasa razamben'ny taranak'i Amona izy ankehitriny.

20 [1]Nandeha niala teo Abrahama ka nankany amin'ny tany Negeva, ary nitoetra teo anelanelan'i Kadesa sy Sora. Vahiny nipetraka tany Gerara izy. [2]Niteny ny mahakasika an'i Saraha vadiny Abrahama hoe: "Anabaviko izy." Noho izany dia nandefa ireo lehilahiny i Abimeleka mpanjakan'i Gerara ary nalain'izy ireo i Saraha. [3]Fa Andriamanitra niseho tamin'i Abimeleka tamin'ny nofy ny alina, ary niteny taminy hoe: "Indro, ho faty ianao ralehilahy noho ny vehivavy nalainao, satria vadin'olona izy."
[4]Ary Abimeleka tsy mbola nanakaiky azy ka hoy izy hoe: "Tompo, ho vonoinao koa ve na dia ny firenena marina aza? [5]Tsy izy ihany ve no niteny tamiko hoe: 'Anabaviko izy?' Na izy tenany aza dia niteny tamiko hoe: 'Anadahiko izy.' Nataoko tamin'ny hitsim-poko izany ary tamin'ny tanako tsy manan-tsiny."
[6]Avy eo Andriamanitra niteny taminy tamin'ny nofy hoe: "Eny, efa fantatro koa fa tamin'ny hitsim-ponao no nanaovanao izany, ary efa niaro anao tsy hanota amiko ihany koa aho. Noho izany, tsy namela anao hikasika azy aho. [7]Ka noho izany, avereno ny vadin-dralehilahy, fa mpaminany izy. Hivavaka ho anao izy, ary ho velona ianao. Fa raha tsy averinao izy, dia fantàro fa tena ho faty tokoa ianao sy izay rehetra anao."
[8]Nifoha maraina be Abimeleka ary niantso ireo mpanompony rehetra ho eo aminy. Nolazainy tamin'izy ireo izany zavatra rehetra izany, ary dia natahotra mafy ireo lehilahy. [9]Avy eo Abimekela nampiantso ny an'i Abrahama ka nanao taminy hoe: "Inona ity nataonao taminay?" Ahoana ny nanotàko taminao, no dia nitondra fahotana lehibe teo amiko sy ny fanjakako ianao? Nataonao tamiko izay tsy tokony natao."
[10]Hoy Abimeleka tamin'i Abrahama hoe: "Inona no nanosika anao hanao izao zavatra izao?" [11]Abrahama niteny hoe: "Satria nieritreritra aho hoe: 'Azo antoka fa tsy misy tahotra an'Andriamanitra amin'ity toerana ity, ary hamono ahy izy ireo noho ny amin'ny vadiko.' [12]Ary koa, anabaviko tokoa izy, zanaka vavin'ny raiko, fa tsy zanaka vavin'ny reniko; ary dia lasa vadiko izy.
[13]Rehefa nahatonga ahy handao ny tokantranon'ny raiko sy nampifindrafindra toerana ahy Andriamanitra, dia hoy aho taminy hoe: 'Tsy maintsy asehonao amiko amin'ny maha-vadiko anao ity fahatokiana ity: any amin'izay toerana rehetra izay alehantsika, dia teneno ny momba ahy hoe: "Anadahiko izy."'" [14]Avy eo naka ondry sy omby, andevo lahy sy vavy Abimeleka, ary nanome izany an'i Abrahama. Avy eo naveriny tany aminy i Saraha, vadin'i Abrahama.
[15]Hoy Abimeleka hoe: "Indro, eo anoloanao ny taniko. Mitoera amin'izay mety aminao." [16]Hoy izy tamin'i Saraha hoe: "Indro, nomeko sekely volafotsy arivo ny anadahinao. Izany dia mba ho tampimaso amin'ny fandikan-dalàna natao anao teo imason'ireo olon-drehetra izay miaraka aminao, tena nanao ny marina ianao."
[17]Avy eo Abrahama nivavaka tamin'Andriamanitra, ary Andriamanitra nanasitrana an'i Abimeleka, ny vadiny, ary ireo andevo vaviny mba hafahan'izy ireo mahazo zanaka. [18]Satria Yaveh no nahatonga ny vehivavy rehetra tao antokatranon'i Abimeleka ho momba tanteraka, noho i Saraha, vadin'i Abrahama.

21 [1]Nihaino an'i Saraha araka izay efa nolazainy ho ataony Yaveh, ary dia nataon'i Yaveh tamin'ny Saraha araka izay efa nampanantenainy. [2]Nitoe-jaza Saraha ary niteraka zaza lahy tamin'i Abrahama tamin'ny fahanterany, tamin'ny fotoana voatendry izay efa nolazain'Andriamanitra taminy. [3]Abrahama nanome anarana ny zanany lahy, ilay nateraka ho

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

azy, izay naterak'i Saraha ho azy, hoe Isaka. [4]Noforain'i Abrahama Isaka zanany tamin'izy valo andro, araka izay nandidian'Andriamanitra azy.
[5]Zato taona Abrahama raha niteraka an'Isaka zanany. [6]Hoy saraha hoe: "Efa nampihomehezin'Andriamanitra aho; ny olona rehetra maheno ahy dia hiara-hiomehy amiko." [7]Hoy koa izy hoe: "Iza moa no afaka nilaza tamin'i Abrahama fa hitaiza zaza Saraha, kanjo niteraka zazalahy ho azy tamin'ny fahanterany aho!"
[8]Nitombo ny zaza ka nosarahi-nono, ary Abrahama nanao fety lehibe tamin'ny andro nampisarahana nono an'Isaka.
[9]Saraha nahita ilay zanak'i Hagara Egyptiana, izay naterany tamin'i Abrahama, naneso azy.
[10]Dia hoy izy tamin'i Abrahama hoe: "Roahy io andevo vavy io sy ny zanany: fa ny zanak'io andevo vavy io tsy hiray lova amin'ny zanako, dia Isaka." [11]Izany zavatra izany dia tena nampahory an'i Abrahama nohon'ny amin'ny zanany.
[12]Fa hoy Andriamanitra tamin'i Abrahama hoe: "Aza malahelo nohon'ny amin'ny zazalahy, sy nohon'ny mpanompo vavinao. Henoy ny teneniny rehetra izay lazainy anao mahakasika izany raharaha izany, satria avy amin'Isaka no hanomezana anarana ny taranakao. [13]Hataoko ho firenena ihany koa ny zanaky ny mpanompo vavinao, satria taranakao izy."
[14]Nifoha maraina Abrahama, naka mofo sy siny hoditra nisy rano, dia nomeny an'i Hagara izany, napetrany teo an-tsorony. Nomeny azy ilay zazalahy ary nalefany lavitra. Lasa i Hagara ka nirenireny tany an-tany efitr'i Beri-sheba.
[15]Rehefa lany ny rano tao anaty siny hoditra, dia navelan'i Hagara teo am-pototry ny hazo iray ny zaza. [16]Avy eo lasa izy ka nipetraka lavidavitra kely tamin'ilay zaza, sahabo ho halaviran'ny fandefasana tsipìka teo, fa hoy izy hoe: "Aoka aho tsy hijery ny fahafatesan'ny zaza." Ary nipetraka tandrifiny izy, dia nanandratra ny feony ka nitomany.
[17]Andriamanitra nahare ny feon'ny zazalahy, ary ny anjelin'Andriamanitra niantso an'i Hagara avy any an-danitra, ka niteny taminy hoe: "Inona ny olanao ry Hagara? Aza matahotra fa efa ren'Andriamanitra ny feon'ny zazalahy eo amin'izay hitoerany. [18]Mitsangàna, atsangano ny zaza ka ampaherezo izy, fa Izaho hanao azy ho firenena lehibe."
[19]Avy eo Andriamanitra nampahiratra ny masony, ka nahita fantsakana izy. Dia lasa izy nameno rano ilay siny hoditra ka nampisotro rano ilay zaza. [20]Nomba ilay zaza Andriamanitra, ary niha-lehibe izy. Nonina tany an'efitra izy ka lasa mpandefa tsipìka. [21]Nonina tany an-tany efitr'i Parana izy, ary nangalan'ny reniny vady avy tany Egypta.
[22]Ary tamin'izany fotoana izany Abimeleka sy Pikola lehiben'ny tafiny niresaka tamin'i Abrahama ka niteny hoe: "Andriamanitra dia momba anao amin'izay rehetra ataonao. [23]Ankehitriny noho izany mianianà amiko eto anatrehan'Andriamanitra fa tsy hanao ratsy amiko ianao, na ny zanako, na ny taranako ianao. Asehoy ahy sy amin'ity tany izay nitoeranao ity ny fahatokisam-panekena izay nasehoko taminao." [24]Hoy Abrahama hoe: "Mianina aho."
[25]Nitaraina tamin'i Abimeleka ihany koa Abrahama mahakasika ny lavaka fantsakana nalain'ny mpanompon'i Abimeleka an-keriny taminy. [26]Hoy Abimeleka hoe: "Tsy fantatro izay nanao izany zavatra izany. Tsy niteny mialoha izany tamiko ianao; tsy mbola nandre momba izany aho raha tsy androany." [27]Noho izany Abrahama dia naka ondry sy omby ka nomeny an'i Abimeleka, dia nanao fanekena izy roa lahy.
[28]Abrahama nanavaka zanak'ondry vavy fito tamin'ireo ondriny. [29]Hoy Abimeleka tamin'i Abrahama hoe: "Inona no dikan'ireto zanak'ondry vavy fito navahanao ireto?" [30]Namaly izy hoe: "Ireto zanak'ondry vavy fito ireto dia ho raisinao avy amin'ny tanako, mba ho vavolombelona amiko, fa izaho no nandavaka ity fantsakana ity."
[31]Koa dia nantsoiny hoe Beri-sheba io toerana io, satria teo izy roa tonta no nanao fianianana. [32]Tao Beri-sheba izy roa lahy no nanao fifanekena, avy eo Abimeleka sy Pikola lehiben'ny tafiny niverina nankany amin'ny tanin'ireo Filistina.
[33]Namboly hazo voamadilo tao Beri-sheba i Abrahama. Nanompo an'i Yaveh, ilay Andriamanitra mandrakizay tao izy.
[34]Nitoetra ho vahiny nandritra ny andro maro tany amin'ny tanin'ny Filistina i Abrahama.

22 [1]Ary tao aorian'ireo zavatra maro ireo no nitsapan'Andriamanitra an'i Abrahama. Hoy Izy taminy hoe: "Ry Abrahama!" Hoy Abrahama hoe: "Inty aho." [2]Hoy Andriamanitra avy eo hoe: "Alaivo ny zanakao lahy, ilay lahy tokanao, izay tianao, dia Isaka, ary ento any amin'ny tanin'i Moria. Atolory any toy ny fanatitra dorana eny ambonin'ny iray amin'ireo tendrombohitra any, izay ho lazaiko anao izy. [3]Ary nifoha maraim-be i Abrahama, nanisy lasely ny borikiny ary naka tovolahy roa hiaraka aminy sy Isaka zanany lahy. Notapahiny ny hazo ho amin'ilay fanatitra dorana, avy eo dia nanomboka ny diany ho any amin'ilay toerana nolazain'Andriamanitra taminy.
[4]Tamin'ny andro fahatelo Abrahama dia nitady ary nahita ilay toerana avy lavitra. [5]Hoy Abrahama tamin'ireo mpanompony hoe: "Mijanòna eto miaraka amin'ny boriky fa izaho sy ilay zazalahy handeha ho eny. Hanao fanompoana izahay dia hiverina eto aminareo indray." [6]Avy eo dia nandray ny hazo ho amin'ilay fanatitra dorana i Abrahama ary nametraka izany teo amin'Isaka zanany. Nentiny teny an-tanany ny afo sy ny antsy; ary dia niara-nandeha izy roa.
[7]Niteny tamin'i Abrahama rainy i Isaka hoe: "Ry raiko," ary hoy izy hoe: "Inty aho ry zanako." Hoy izy hoe: "Jereo, indreo ny afo sy ny hazo fa aiza ilay ondry ho atao fanatitra dorana?" [8]Hoy Abrahama hoe: "Andriamanitra mihitsy no hamatsy ilay ondry ho atao fanatitra dorana, ry zanako." Ka dia nandeha niaraka izy roa.
[9]Rehefa tonga teo amin'ilay toerana izay nolazain'Andriamanitra azy izy ireo dia nanamboatra alitara Abrahama ary nametraka ilay hazo teo amboniny. Avy eo dia namatotra an'Isaka zanany izy ary nametraka azy teo ambony alitara, ambonin'ilay hazo. [10]Naninjitra ny tanany Abrahama ary naka ilay antsy hamonoana ny zanany.
[11]Avy eo dia niantso azy avy any an-danitra ny anjelin'i Yaveh ary niteny hoe: "Abrahama, Abrahama!" ary hoy izy hoe: "Inty aho." [12]Hoy izy hoe: "Aza maninjitra ny tananao amin'ny zazalahy, na manao zavatra handratra azy satria fantatro

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ankehitriny fa matahotra an'Andriamanitra ianao rehefa hita fa tsy niaro ny zanakao lahy, ilay zanakao lahitokana, avy amiko ianao."
13 Nitodika Abrahama ary indro nisy ondry lahy nisaringotra tamin'ireo kirihitra ireo ny tandrony. Nandeha i Abrahama ary naka ilay ondry lahy ary nanao izany fanatitra dorona izany ho solon'ny zanany lahy. 14 Koa dia nantsoin'i Abrahama hoe: "Yaveh no hamatsy" ilay toerana, ary nolazaina hatramin'izao andro izao hoe: "Eny amin'ny tendrombohitr'i Yaveh no hamatsiana."
15 Niantso an'i Abrahama fanindroany avy any an-danitra ny anjelin'i Yaveh 16 ary niteny hoe—izao ny fanambaran'i Yaveh —amin'ny tenako no nianianako fa satria nahavita izany zavatra izany ianao, ary tsy niaro ny zanakao lahy, ilay zanakao lahy tokana, 17 hitahy anao tokoa Aho ary hampitombo fatratra ireo taranakao toy ireny kintana eny amin'ireo lanitra sy toy ireo fasika eny amoron-dranomasina; ary ireo taranakao ireo dia ho tompon'ny vavahadin'ireo fahavalon'izy ireo.
18 Ireo firenena rehetra eto ambonin'ny tany dia ho voatahy amin'ny alalan'ny taranakao satria nankatoa ny feoko ianao."
19 Noho izany dia niverina teo amin'ireo zatovony i Abrahama, dia nanainga izy ireo ary nandeha niaraka nankany Beri-sheba, ary nonina tao Beri-sheba izy.
20 Tao aorian'ireo zavatra ireo no nilazana tamin'i Abrahama hoe: "niteraka zaza tamin'i Nahora rahalahinao koa i Milka."
21 Dia i Oza izay lahimatoany, Boza rahalahiny, Kemoela rain'i Arama, 22 Kaseda, Hazo, Pildasy, Jidiafa ary i Betoela.
23 Ary Betoela niteraka an'i Rebeka. Ireo zaza valo ireo no naterak'i Milka tamin'i Nahora, rahalahin'i Abrahama. 24 Ary ny vaditsindranony izay nantsoina hoe Reoma ihany koa dia niteraka an'i Teba, Gahama, Tahasy ary Meaka.

23 1 Niaina fito amby roapolo amby zato taona i Saraha. Izany ny taona niainan'i Saraha. 2 Saraha dia maty tao Kiriata Arba, izany hoe, Hebrona, tao amin'ny tany Kanàna. Nisaona sy nitomany an'i Saraha i Abrahama.
3 Avy eo dia nitsangana ka niainga avy eo amin'ny fatin'ny vadiny, ary niresaka tamin'ireo zanaka lahin'i Heta, nanao hoe:
4 "Vahiny aho eto aminareo. Mba omeo toerana fandevenana eto aminareo re aho, mba hafahako mandevina ny faty izay ahy."
5 Namaly an'i Abrahama ireo zanaka lahin'i Heta, nanao hoe: 6 "Mihainoa anay, ry tompoko. Andrian-dehibe an'Andriamanitra eto aminay ianao. Aleveno amin'ireo fasanay izay safidinao indrindra ny fatin'ny vadinao. Tsy misy na iza na iza aminay handà izany fasana izany ho anao, mba hafahanao mandevina ny fatin'ny vadinao."
7 Nitsangana Abrahama ka nandohalika tamin'ireo olona teo an-toerana, tamin'ireo zanaka lahin'i Heta. 8 Niteny tamin'izy ireo izy, nanao hoe: "Raha manaiky ianareo fa tokony handevina ny fatin'ny vadiko aho, dia henoy aho ary hiangavio i Efrona zanaka lahin'i Zohara, ho ahy. 9 Angataho izy mba hivarotra amiko ilay lava-baton'i Makpela, izay azy, any amin'ny faran'ny sahany. Amin'ny vidiny feno dia aoka izy hivarotra izany amiko ampahibemaso ho toy ny fananana ho toerana fandevenana."
10 Ary Efrona nipetraka teo amin'ireo zanaka lahin'i Heta, ary Efrona ilay Hetita namaly an'i Abrahama mba ho ren'ireo zanaka lahin'i Heta, sy ireo rehetra izay tonga teo amin'ny vavahadin'ny tanànany, nanao hoe: 11 "Tsia, ry tompoko, henoy aho. Nanome saha anao aho, sy ny lava-bato izay ao amin'izany. Nomeko ho anao teo anatrehan'ireo zanaka lahin'ny oloko izany. Omeko anao izany mba handevenanao ny faty izay anao."
12 Avy eo Abrahama nampiankohoka ny tenany nanoloana ny olona teo an-toerana. 13 Niteny tamin'i Efrona izy mba ho ren'ny olona teo amin'ilay tanàna, nanao hoe: "Kanefa raha sitrakao, henoy re aho. Ho vidiako ny saha. Raiso ny vola avy amiko, ary handevina ny fatin'ny vadiko eny aho."
14 Efrona namaly an'i Abrahama, nanao hoe: 15 "Aoka re, ry tompoko, mihainoa re ahy. Sekely volafotsy efajato no sahaza ny ampahan-tany iray, ho inona amintsika sy ianao izany? Aleveno ny fatin'ny vadinao." 16 Nohenoin'i Abrahama i Efrona ka nolanjainy ho an'i Efrona ny fatran'ny volafotsy izay noresahiny mba ho ren'ireo zanaka lahin'i Heta, sekely volafotsy efajato, araka ny fandanjana mahazatra ny mpivarotra.
17 Noho izany ny tanin'i Efrona, izay tao Makpela, teo akaikin'i Mamre, izany hoe, ilay saha, ilay lava-bato izay ao amin'izany, sy ireo hazo rehetra izay eo amin'ny tany sy manodidina ny sisiny, dia lasan'i 18 Abrahama tamin'ny fividianana izany teo anatrehan'ireo zanaka lahin'i Heta, teo anatrehan'ireo rehetra izay tonga teo amin'ilay vavahadin'ny tanànany.
19 Tao aorian'izany, dia nandevina an'i Saraha vadiny tao amin'ilay lava-baton'ilay sahan'i Makpela i Abrahama, izay teo akaikin'i Mamre, izany hoe, Hebrona, tao amin'ny tany Kanana. 20 Noho izany ny saha sy ny lava-bato ao izay dia lasa fananan'i Abrahama ho toeram-pandevenana, izany dia avy amin'ireo zanaka lahin'i Heta.

24 1 Ary efa tena antitra tokoa Abrahama ary notahian'Andriamanitra tamin'ny zavatra rehetra. 2 Hoy Abrahama tamin'ny mpanompony, izay zokiny indrindra teo amin'ny ankohonany ary nanapaka teo amin'ny izay rehetra nananany hoe: "Apetraho eo ambanin'ny feko ny tananao 3 ary asaiko mianiana amin'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny lanitra sy Andriamanitry ny tany ianao, mba tsy haka vady ho an'ny zanako lahy avy amin'ireo zanaka vavin'ny Kananita, eo amin'ireo izay hanorenako ny fonenako. 4 Fa handeha ho any amin'ny fireneko ianao, any amin'ireo havako, ka makà vady ho an'Isaka zanako lahy."
5 Hoy ilay mpanompo taminy hoe: "Ahoana raha tsy vonona ny handeha hanaraka ahy ho aty amin'ity tany ity ilay vehivavy? Tsy maintsy hitondra ny zanakao hiverina any amin'ny tany niavianao ve aho?" 6 Dia hoy Abrahama taminy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hoe: "Mahazò antoka ny tsy hitondranao ny zanako lahy hiverina any! [7]Yaveh, ilay Andriamanitry ny lanitra, izay naka ahy avy tao an-tranon'ny raiko sy avy tany amin'ny tanin'ny havako, sady nampanantena ahy tamin'ny fianianana manetriketrika nilaza hoe: 'Omeko ho an'ny taranakao ity tany ity,' Izy no haniraka ny anjeliny hialoha anao, ary hahita vady ho an'ny zanako any ianao.
[8]Saingy raha tsy vonona ny hanaraka anao ilay vehivavy, dia ho afaka amin'ny fianianako ianao. Tsy tokony hitondra ny zanako miverina any fotsiny ianao." [9]Koa nametraka ny tanany tao ambanin'ny fen'i Abrahama tompony ilay mpanompo, ary nianiana mahakasika izany raharaha izany.
[10]Naka folo tamin'ny ramevan'ny tompony ilay mpanompo ary nandeha. Nitondra ireo karazam-panomezana rehetra avy tamin'ny tompony ihany koa izy. Niainga izy ka nandeha tany amin'ny faritr'i Arama Naharaima, tany amin'ny tanànan'i Nahora. [11]Nataony nipetraka teny ivelan'ny tanàna teo akaikin'ny fatsakan-drano ireo rameva. Hariva tamin'izany, fotoana fivoahan'ny vehivavy hatsaka rano.
[12]Hoy izy avy eo hoe: "Yaveh, Andriamanitr'i Abrahama tompoko, omeo ahy anio ny fanambinana ary asehoy ny tsy fivadiham-panekena amin'i Abrahama tompoko. [13]Indro, inty aho mitsangana eto akaikin'ny loharano, ary mivoaka mba haka rano ireo zanaka vavin'ny olon'ny tanàna. [14]Aoka ho tanteraka tahaka izao izany. Rehefa milaza amina vehivavy iray aho hoe: 'Mba ampidino re ny sininao mba hafahako misotro,' ka miteny amiko izy hoe: 'misotroa, ary homeko rano ihany koa ireo ramevanao,' dia aoka ho izy ilay iray izay notendrenao ho an'Isaka mpanomponao. Amin'izany no hahitako fa nampiseho tsy fivadiham-panekena tamin'ny tompoko Ianao."
[15]Ary mbola tsy nahavita niteny akory aza izy, dia indro, nivoaka niaraka tamin'ny sinin-dranony teo an-tsorony i Rebeka. Rebeka dia naterak'i Betoela, zanaka lahin'i Milka, vadin'i Nahora, rahalahin'i Abrahama. [16]Tsara tarehy tokoa ilay tovovavy sady virijiny. Tsy mbola nisy lehilahy nandry taminy. Nandeha nidina teny amin'ilay loharano izy ka nameno ny sininy, ary niakatra.
[17]Ary nihazakazaka mba hihaona aminy ilay mpanompo ary niteny hoe: "Mba omeo rano kely ho sotroina amin'ny sininao re aho." [18]Hoy izy hoe: "Misotroa, tompoko," ary nampidininy faingana ho eo an-tanany ilay siny, ka nomeny rano izy.
[19]Rehefa avy nanome ho sotroina ho azy izy, dia niteny hoe: "Hisintomako rano ihany koa ireo ramevanao, ambara-pisotron'izy ireo hatramin'ny farany." [20]Koa nahidiny faingana ary noritrainy ny rano tao anaty sininy ho eo amin'ny tavy fisotroana, ary niverina nihazakazaka nankeo amin'ny fantsakana mba haka rano izy, ary naka rano ho an'ireo ramevany rehetra.
[21]Nandinika azy mangingina ilay lehilahy mba hahitany raha nanambina ny diany Yaveh na tsia. [22]Rehefa avy nisotro rano ireo rameva, dia namoaka kavin'orona volamena milanja antsasaka sekely, sy firavaka volamena anankiroa fanao amin'ny sandry milanja folo sekely ralehilahy, [23]ary nanontany hoe: "Zanaka vavin'iza moa ianao? Mba lazao ahy, misy efitra mba handanianay ny alina ve ao an-tranon'ny rainao?"
[24]Hoy izy taminy hoe: "Zanaka vavin'i Betoela zanaka lahin'i Milka, izay naterany tamin'i Nahora aho." [25]Hoy ihany koa izy taminy hoe: "Ary manana mololo sy vilona be dia be ihany koa izahay, ary toerana ho anareo mba handaniana ny alina."
[26]Avy eo dia niankohoka ilay lehilahy ary nitsaoka an'i Yaveh. [27]Hoy izy hoe: "Deraina anie Yaveh, ilay Andriamanitr'i Abrahama tompoko, izay tsy nahafoy ny tsy fivadiham-panekeny sy ny fahamendreham-pitokisany nanoloana ny tompoko. Raha ny amiko, dia nentin'i Yaveh mivantana tao an-tranon'ny havan'ny tompoko aho."
[28]Avy eo nihazakazaka ilay tovovavy ary nitantara tamin'ny ankohonan-dreniny momba izany zavatra rehetra izany. [29]Ary nanana anadahy i Rebeka, Labana no anarany. Nihazakazaka nankany amin'ilay lahilahy izay teny an-dalana tany ivelany teo akaikin'ny fantsakana i Labana. [30]Rehefa nahita ny kavin'orona sy ireo firavaka teo amin'ny sandrin'ny anabaviny izy, ary rehefa nandre ny tenin'i Rebeka anabaviny hoe: "Izao no nolazain'ilay lehilahy tamiko," dia nankany amin'ilay lehilahy izy, ary indro, nijoro niaraka tamin'ireo rameva teo akaikin'ny fantsakana izy.
[31]Dia hoy Labana hoe: "Avia, ianao ry voatahin'i Yaveh. Nahoana ianao no mijoro eny ivelany eny? Efa nanomana ny trano, ary ny toeran'ireo rameva aho." [32]Koa dia niditra tao an-trano ilay lehilahy ary nampidina ny entana teo amin'ireo rameva izy. Nomena mololo sy vilona ireo rameva, ary nisy rano novatsiana hanasana ny tongony sy ny tongotr'ireo lehilahy izay niaraka taminy.
[33]Nandroso sakafo teo anoloany ho hanina izy ireo, saingy hoy izy hoe: "Tsy hihinana aho raha tsy efa voalazako izay tokony hambarako." Koa dia hoy Labana hoe: "Lazao ary." [34]Hoy izy hoe: "Mpanompon'i Abrahama aho. [35]Nitahy azy tokoa Yaveh ary nanjary lasa olona manam-be izy. Nanome azy ondry aman'osy sy omby, volafotsy sy volamena, mpanompo lahy sy mpanompo vavy, ary rameva sy boriky Izy.
[36]Saraha, vadin'ny tompoko, dia niteraka zaza lahy ho an'ny tompoko tamin'ny fahanterany, ary nomeny azy avokoa ny zavatra nananany. [37]Nasain'ny tompoko nianiana aho, tamin'ny nilazany hoe: 'Ianao tsy mahazo maka vady ho an'ny zanako lahy avy amin'ireo zanaka vavin'ny Kananita, izay nataoko fonenana ny taniny. [38]Fa kosa, tsy maintsy mandeha mankany amin'ny fianakavian-draiko ianao, ary any amin'ireo havako, ka haka vady ho an'ny zanako.'
[39]Hoy aho tamin'ny tompoko hoe: 'Mety tsy hanaraka ahy ilay vehivavy.' [40]Fa hoy kosa izy tamiko hoe: 'Yaveh, izay andehanako eo anoloana, dia haniraka anjely hiaraka aminao ary hanambina ny lalanao izy, mba hahazoanao vady ho an'ny zanako lahy eo amin'ireo havako sy avy amin'ny firazanan'ny raiko. [41]Saingy ho afaka amin'ny fianianako ianao raha mankany amin'ireo havako ka tsy hanome azy ho anao izy ireo. Dia ho afaka amin'ny fianianako ianao.'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[42]Koa dia tonga teo amin'ny loharano aho androany, ary niteny hoe: "Yaveh o, Andriamanitr'i Abrahama tompoko, aoka
re, raha tena manao izay hanambinana ny diako tokoa Ianao— [43]indro aho, mijoro eto akaikin'ny loharano—aoka izay
tovovavy mivoaka hantsaka rano, izay vehivavy hilazako hoe: "Mba omeo rano kely amin'ny sininao re aho mba ho
sotroina," [44]izay vehivavy milaza amiko hoe: "Misotroa, ary haka rano ho an'ny ramevanao ihany koa aho,"—aoka ho izy
ilay vehivavy izay nosafidianao, ry Yaveh, ho an'ny zanaka lahin'ny tompoko.'
[45]Raha mbola tsy nahavita niteny tao am-poko akory aho, dia indro, nivoaka niaraka tamin'ny sininy teo an-tsorony i
Rebeka ary nandeha nidina ho eo amin'ny loharano izy ka naka rano. Ka hoy aho taminy hoe: 'Mba omeo rano re aho.'
[46]Nampidina faingana ny sininy avy teo an-tsorony izy ary nilaza hoe: 'Misotroa, ary hanome rano ho an'ny ramevanao
ihany koa aho.' Koa dia nisotro aho, ary nomeny rano ihany koa ireo rameva.
[47]Nanontany taminy aho ary niteny hoe: 'Zanak'iza moa ianao?' Hoy izy hoe: 'Zanaka vavin'i Betoela, zanak'i Nahora, izay
naterak'i Milka taminy.' Dia napetrako teo amin'ny orony ny kavina ary teo amin'ny sandriny ireo ravaka. [48]Avy eo aho
niankohoka ka nihoby an'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny tompoko, izay nitondra ahy tamin'ny lalana marina mba hahita
ny zanaka vavin'ny havan'ny tompoko ho an'ny zanany lahy.
[49]Koa ankehitriny, raha vonona ny hitondra ny tompoko amin'ny fitokiam-pianakaviana sy fahamendreham-pitokiana
ianareo, dia ambarao amiko. Kanefa raha tsy izany, dia lazao ahy, mba hitodiako miankavia na miankavanana."
[50]Avy eo Labana sy Betoela namaly ka nanao hoe: "Avy amin'i Yaveh izany zavatra izany; tsy afaka ny hilaza aminao na
ratsy na tsara izahay. [51]Indro, eo anoloanao i Rebeka. Ento izy ary mandehana, mba ho vadin'ny zanaky ny tomponao,
araka ny nolazain'i Yaveh."
[52]Rehefa nandre ny tenin'izy ireo ilay mpanompon'i Abrahama, dia niankohoka tamin'ny tany teo amin'i Yaveh izy.
[53]Nitondra karazan-javatra volafotsy sy karazan-javatra volamena ilay mpanompo, ary fitafiana, ka nomeny ho an'i
Rebeka ireo. Nanolotra fanomezana sarobidy ho an'ny anadahiny sy ny reniny ihany koa izy.
[54]Avy eo dia nihinana sy nisotro izy sy ireo lehilahy izay niaraka taminy. Nitoetra tao nandritry ny alina izy ireo, ary
rehefa nifoha maraina, dia hoy izy hoe: "Alefaso any amin'ny tompoko aho." [55]Hoy ny anadahiny sy ny reniny hoe: "Avelao
mba hitoetra miaraka aminay mandritry ny andro vitsivitsy ny tovovavy, mba folo andro farafahakeliny. Aorian'izany dia
afaka mandeha izy."
[56]Fa hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Aza hazonina aho, satria nanambina ny lalako Yaveh. Alefaso amin'ny lalako aho mba
hafahako mandeha any amin'ny tompoko." [57]Hoy izy ireo hoe: "Hiantso ny tovovavy izahay ary hanontany azy." [58]Koa dia
niantso an'i Rebeka izy ireo ary nanontany taminy hoe: "Handeha hiaraka amin'io lehilahy io ve ianao?" Dia namaly izy
hoe: "Handeha aho."
[59]Koa dia nalefan'izy ireo tamin'ny diany niaraka tamin'ny mpanompon'i Abrahama sy ireo olony i Rebeka anabaviny,
niaraka tamin'ny mpanompo vaviny. [60]Nitso-drano an'i Rebeka izy ireo, ary nilaza taminy hoe: "Ranabavy, ho renin'ny
aman'arivony sy aman'aliny anie ianao, ary ho tompon'ny vavahadin'ireo izay mankahala azy anie ireo taranakao."
[61]Avy eo nitsangana Rebeka, ka nitaingina ny rameva izy sy ireo mpanompo vaviny, ary nanaraka ilay lehilahy. Koa
nentin'ilay mpanompo i Rebeka, ary roso tamin'ny lalany izy. [62]Ary nipetraka tany Negeva Isaka, ary vao niverina avy
tany Bera-lahai-roy.
[63]Nandeha nivoaka hariva mba hivavaka tany an-tsaha Isaka. Rehefa niandrandra izy dia nahita, indreny, nisy rameva
tamy! [64]Nitazana Rebeka, ary rehefa nahita an'i Isaka izy, dia nitsambikina nidina avy teo amin'ny rameva. [65]Hoy izy
tamin'ilay mpanompo hoe: "Iza iny lehilahy tonga hitsena antsika avy eny an-tsaha iny?" Namaly ilay mpanompo hoe:
"Iny no tompoko." Koa nalain'i Rebeka ny voaliny, ary nosaronany ny tenany.
[66]Namerina nitantara tamin'Isaka ny zavatra rehetra nataony ilay mpanompo. [67]Ary nitondra azy tao an-dain'i Saraha
reniny i Isaka ka naka an'i Rebeka, dia lasa vadiny izy, ary tiany. Koa nionona Isaka taorian'ny fahafatesan-dreniny.

25 [1]Naka vady hafa i Abrahama; Ketora no anarany. [2]Niteraka an'i Zamrana, Joksana, Medana, Midiana, [3]Jisbaka ary
Soaha izy. Joksana niteraka an'i Sheba sy Dedana. Ireo taranak'i Dedana dia olona Asorima, olona Letosima, ary
Leomima. [4]Efaha no zanaka lahin'i Midiana, Efera, Hanoka, Abida, ary Eldaha. Ireo rehetra ireo no taranak'i Ketora.
[5]Nomen'i Abrahama an'Isaka izay nananany rehetra. [6]Fa kosa, fony mbola velona izy, dia nanome fanomezana an'ireo
zanaky ny vaditsindranony ary nandefa azy ireo tany amin'ny tany antsinanana, lavitra an'Isaka, zanany.
[7]Ary ny andro niainan'i Abrahama dia 175 taona. [8]Niala aina Abrahama ka maty tratra antitra, lehilahy zokiolona voky
andro, ary dia nangonina ho any amin'ireo olony izy.
[9]Isaka sy Ismaela, zanany lahy, no nandevina azy tao amin'ilay lava-baton'i Makpela, tao amin'ny sahan'i Efrona zanak'i
Zohara Hetita, izay eo akaikin'ny Mamre. [10]Novidian'i Abrahama tamin'ireo zanaka lahin'i Heta izany saha izany. Nalevina
tany niaraka tamin'i Saraha vadiny i Abrahama. [11]Tao aorian'ny nahafatesan'i Abrahama, dia nitahy an'i Isaka zanany
lahy Andriamanitra, ary Isaka nonina nanakaiky an'i Bera-lahai-roy.
[12]Ary ireto ny taranak'Ismaela, zanak'i Abrahama, izay naterak'i Agara Egyptiana, mpanompon'i Saraha, tamin'i
Abrahama.
[13]Ireto no anaran'ny zanak'Ismaela, araka ny filaharan'ny fahaterahany: Nabaiota—ilay lahimatoan'Ismaela, Kedara,
Adbela, [14]Mibsama, Masmà, Domà, Masa, [15]Hadada, Tema, Jetora, Nafisy, ary Kedma. [16]Ireo avy no zanaka lahin'Ismaela,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ary ireo ny anaran'izy ireo, araka ny tanànany, sy ny toby misy azy ireo; andrian-dahy roa ambin'ny folo araka ny fokon'izy ireo.
17 Ny andro niainan'i Ismaela dia 137 taona: niala aina izy ary maty, ary dia nangonina ho any amin'ireo olony izy.
18 Nonina tany Havila ka hatrany Sora izy ireo, izay nanakaiky an'i Egypta, ilay iray izay mankany Asyria. Niaina tamin'ny fifankahalana izy ireo.
19 Ireto avy ireo tranga nahakasika an'Isaka, zanaka lahin'i Abrahama: tonga rain'Isaka i Abrahama. 20 Efapolo taona Isaka raha naka vady an'i Rebeka izy, ilay zanaka vavin'i Betoela ilay Syrian'i Padan-Arama, ilay anabavin'i Labana Syriana.
21 Nivavaka tamin'i Yaveh ho an'ny vadiny i Isaka satria momba izy, ary namaly ny vavaka nataony Yaveh, ka nitoe-jaza Rebeka. 22 Niady ireo zaza tao an-kibony, ary nilaza izy hoe: "Nahoana izany no miseho amiko?" Koa nandeha nanontany an'i Yaveh momba izany izy.
23 Nilaza taminy Yaveh hoe: "Firenena roa no ao an-kibonao, ary vahoaka roa no ho sarahana avy ao anatinao. Ny vahoaka iray dia mafimafy kokoa noho ilay hafa, ary ny zokiny dia hanompo ny zandriny."
24 Rehefa tonga ny fotoana hahaterahany, dia indro, nisy kambana tao an-kibony. 25 Nivoaka ny zaza voalohany ary dia mena tanteraka toy ny lamba voloina. Esao no niantsoan'izy ireo azy. 26 Tao aorian'izany, dia nivoaka ny rahalahiny. Nihazona ny voditongotr'i Esao ny tanany. Jakoba no niantsoana azy. Enimpolo taona Isaka raha niteraka azy ireo ny vadiny.
27 Nitombo ireo zaza, ary lasa mpihaza mahay Esao, lehilahy iray tantsaha; kanefa Jakoba dia lehilahy tsy be teny, izay nandany ny fotoany tao an-day. 28 Ary dia Esao no tian'Isaka satria nihinana ireo biby izay voahazany izy, fa i Jakoba kosa no tian'i Rebeka.
29 Ary nahandro hanina i Jakoba. Dia tonga avy tany an-tsaha Esao, ary nalemin'ny hanohanana izy. 30 Hoy Esao tamin'i Jakoba hoe: "Mamelà ahy hihinana amin'ity hanina mena ity. Miangavy re, fa valaka loatra aho!" Izany no antony hilazàna ny anarany hoe Edoma.
31 Nilaza i Jakoba hoe: "Amidio amiko aloha ny fizokianao." 32 Ary hoy Esao hoe: "Jereo, efa ho faty aho. Inona ny soa azoko avy amin'ny fizokiana?" 33 Ary nilaza Jakoba hoe: "mianianà aloha amiko," ka nianiana taminy i Esao ary tamin'izany dia nivarotra ny fizokiany tamin'i Jakoba izy. 34 Nomen'i Jakoba mofo sy hanina vita amin'ny voanemba i Esao. Nihinana sy nisotro izy, ary avy eo dia nitsangana ka nandeha. Tamin'izany fomba izany no nanaovan'i Esao tsinontsinona ny fizokiany.

26 1 Ary nisy mosary nitranga teo amin'ilay tany, ankoatran'ilay niseho voalohany tamin'ny andron'i Abrahama. Nankany amin'i Abimeleka, mpanjakan'ny Filistina tany Gerara i Isaka.
2 Ary niseho taminy Yaveh ary niteny hoe: "Aza midina any Egypta ianao; mitoera amin'ny tany izay lazaiko anao.
3 Mijanòna amin'io tany io, homba sy hitahy anao Aho; fa ho anao sy ho an'ireo taranakao, no hanomezako ireo tany rehetra ireo, ary ho tanterahiko ny fianianana izay nianianako tamin'i Abrahama rainao.
4 Ho hampitomboiko toy ireo kintan'ny lanitra ireo taranakao, ary homeko ireo taranakao ireo tany rehetra ireo. Avy amin'ireo taranakao no hitahiana ireo firenena rehetra eto an-tany. 5 Ho ataoko izany satria Abrahama dia nankatò ny feoko sy nitandrina ireo toro-lalako, ireo didiko, ireo fanambarako, ary ireo lalàko."
6 Koa dia nanorim-ponenana tany Gerara i Isaka. 7 Rehefa nanontany azy momban'ny vadiny ireo lehilahy teo an-toerana, dia hoy izy hoe: "Anabaviko izy." Natahotra izy hilaza hoe: "Vadiko izy," satria niheritreritra izy hoe: "Hamono ahy ireo lehilahy eto an-toerana mba hahazoana an'i Rebeka, satria tena tsara tarehy izy." 8 Rehefa nitoetra ela tao Isaka, dia nisy fotoana Abimeleka mpanjakan'i Filistina nitazana teo ambaravarankely. Indro, hitany i Isaka nanafosafo an'i Rebeka, vadiny.
9 Nampiantso an'Isaka i Abimeleka ary niteny hoe: "Ita tokoa izao fa vadinao izy. Nahoana ianao no niteny hoe: 'Anabaviko izy'?" Hoy Isaka taminy hoe: "Satria nihevitra aho fa ho vonoin'ny olona aho mba hahazoana azy." 10 Hoy Abimaleka hoe: "Fa inona izao nataonao anay izao? Mety efa nisy olona iray tamin'ireo vahoaka niaraka natory mora foana tamin'ny vadinao, ary dia nitondra fanamelohana eto aminay ianao." 11 Koa nampitandrina ny olona rehetra Abimeleka ary niteny hoe: "Na iza na iza mikasika io lehilahy io na ny vadiny dia azo antoka fa tena ho vonoina tokoa."
12 Namboly masom-boly tamin'izany tany izany Isaka ary nahavokatra avo zato heny tamin'io taona io ihany, satria nitahy azy Yaveh. 13 Lasa nanan-karena ralehilahy, ary nitombo hatrany izany mandra-pahatonga azy ho mpanakarem-be.
14 Nanana ondry sy omby, ary ankohonana marobe izy. Nialona azy ireo Filistina.
15 Ary ireo fantsakana rehetra izay nohadian'ireo mpanompon'ny rainy tamin'ny andron'i Abrahama rainy, dia natsahatr'ireo Filistina izany tamin'ny fanotofana tany izany. 16 Hoy Abimeleka tamin'Isaka hoe: "Mialà lavitra anay, satria mahery lavitra noho izahay ianao." 17 Koa dia niala teo Isaka ary nanorim-ponenana tany an-dohasahan'i Gerara, ary nonina tany.
18 Naverin'Isaka nohadiana indray ireo lava-drano, izay efa voahady tamin'ny andron'i Abrahama rainy. Izay efa novonoin'ireo Filistina taorian'ny nahafatesan'i Abrahama. Ireo lava-drano ireo dia nataon'Isaka tahaka izay efa niantsoan'ny rainy azy ihany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[19]Rehefa nandavaka teny an-dohasaha ny mpanompon'Isaka, dia nahita loharano velona teny izy ireo. [20]Nifanditra tamin'ny mpiandry ombin'Isaka ireo mpiandry omby tao Gerara, ary niteny hoe: "Anay io rano io." Koa dia nantsoin'Isaka hoe "Eseka" ilay lava-drano, satria nifanditra taminy izy ireo.
[21]Ary dia nihady lava-drano hafa indray izy ireo, ary mbola nifandiran'izy ireo koa izany, ka dia nantsoiny hoe "Sitna" izany. [22]Niala teo izy ary mbola nihady lava-drano hafa, kanefa tsy mba nifandiran'izy ireo izany. Ary dia natsoiny hoe "Rehobota" izany, ary hoy izy hoe: "Ankehitriny efa nanamboatra fonenana ho antsika Yaveh, ary ho hambinina eo amin'ilay tany isika."
[23]Dia niakatra avy tany Isaka ka nankany Beri-sheba. [24]Niseho taminy i Yaveh tamin'io alina io ihany ary niteny hoe: "Izaho no Andriamanitr'i Abrahama rainao. Aza matahotra, fa homba sy hitahy anao Aho ary hampitombo ireo taranakao, noho ny amin'i Abrahama mpanompoko." [25]Nanorina alitara teo Isaka ary niantso ny anaran'i Yaveh. Teo no nanorenany ny lainy, ary nandavaka fantsakana ireo mpanompony.
[26]Avy eo Abimeleka niala tao Gerara ho any aminy, niaraka tamin'i Ahozata, namany, ary Pikola lehiben'ny tafikany. [27]Hoy Isaka tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no makaty amiko, nefa nankahalana ahy sy nandroaka ahy taminareo ianareo.
[28]Avy eo hoy izy ireo hoe: "Hitanay tsara izao fa efa nomba anao Yaveh. Ka dia nanapa-kevitra izahay fa tokony hisy fianianana eo amintsika, eny, eo aminay sy ianao. Aoka izahay hanao fifanekena aminao, [29]fa tsy hanao ratsy anay ianao, tahaka ny tsy nanaovanay ratsy taminao, sy tahaka ny fomba tsara nitondranay anao ary nandefasanay am-pitoniana anao. Voatahin'i Yaveh tokoa ianao."
[30]Ary dia nanao sakafo be ho azy ireo i Isaka, ka nihinana sy nisotro izy ireo. [31]Nifoha maraim-be izy ireo ary nifampianiana. Avy eo dia nalefan'Isaka nandeha izy ireo, ary nandao azy am-pitoniana izy ireo.
[32]Tamin'io andro io ihany dia nanatona ireo mpanompon'Isaka ary nilaza taminy momban'ny lava-drano izay nohadian'izy ireo. Hoy izy ireo hoe: "Efa nahita rano izahay." [33]Nantsoiny hoe Sheba ilay lava-drano, ary ny anaran'izany tanàna izany dia Beri-sheba mandrak'ankehitriny.
[34]Rehefa efapolo taona Esao, dia naka vady an'i Jodita zanaka vavin'i Bery Hetita, sy Basemata zanaka vavin'i Elona Hetita. [35]Nampitondra fahoriana an'i Isaka sy Rebeka izy ireo.

27 [1]Rehefa antitra Isaka ka mpahina ireo masony koa dia tsy nahita izy, ary nampiantso an'i Esao, zanany lahimatoa izy, ka niteny taminy hoe: "Ry zanako." Ary hoy izy taminy hoe: "Inty aho." [2]Ary hoy izy hoe: "Henoy tsara, efa antitra aho. Tsy fantatro ny andro hahafatesako.
[3]Noho izany raiso ireto fitaovam-piadianao, ny fitifitrao ary ny tsipïkao, ka mandehana any an-tsaha ary mihazà bibi-dia ho ahy. [4]Handrahoy sakafo matsiro, amin'ilay tena tiko aho, ary ento aty amiko izany hafahako mihinana izany sy hanomezako tso-drano anao mialohan'ny hahafatesako."
[5]Ary ren'i Rebeka izany rehefa niresaka tamin'i Esao zanany lahy i Isaka. Nankany an-tsaha i Esao mba hihaza bibi-dia ary hitondra izany hody. [6]Niresaka tamin'i Jakoba zanany i Rebeka ary niteny hoe: "Henoy tsara, reko ny rainao niresaka tamin'i Esao rahalahinao. Hoy izy hoe: [7]'Hitondray haza aho ary hanamboary sakafo matsiro, mba hahafahako mihinana izany sy hanomezako tso-drano anao eo anatrehan'i Yaveh mialohan'ny hahafatesako.'
[8]Ary noho izany, ry anaka, dia ankatoavy ny teniko araka izay handidiako anao. [9]Mandehana mankany amin'ny ondry aman'osy, ka angalao zanak'osy roa tsara aho; dia hanao sakafo matsiro amin'ireo ho an'ny rainao aho, tahaka ny tiany.
[10]Ary ho entinao mankany amin'ny rainao izany, mba hahafahany mihinana izany, ka hanomezany tso-drano anao mialohan'ny hahafatesany."
[11]Niteny tamin'i Rebeka reniny i Jakoba hoe: "Jereo, Esao rahalahiko dia lehilahy voloina, fa izaho kosa dia lehilahy malama hoditra. Mety hikasika ahy ny raiko, ka ho fantany fa mamitaka azy aho. [12]Hitondra ozona amin'ny tenako aho fa tsy tso-drano."
[13]Hoy ny reniny taminy hoe: "Anaka, aleo ny rainao hanozona ahy. Araho fotsiny ny teniko, dia mandehana, ento aty amiko ireo." [14]Koa nandeha naka ireo zanak'osy i Jakoba ary nitondra ireo tany amin'ny reniny, ka nanao sakafo matsiro ny reniny, araka ny hitiavan'ny rainy azy.
[15]Nalain'i Rebeka ny fitafiana tsara indrindran'i Esao, zanany lahimatoa, izay niaraka taminy tao an-trano, ary nampitafiany an'i Jakoba, ilay zanany faralahy. [16]Napetrany teny amin'ny tanany sy ny faritra malama eny amin'ny vozony ny hoditrin'ireo zanak'osy. [17]Napetrany teny an-tanan'i Jakoba zanany ilay sakafo matsiro sy ny mofo izay efa nokarakarainy.
[18]Nankany amin'ny rainy i Jakoba ka nanao hoe: "Raiko o!" Hoy izy hoe: "Inty aho; iza moa ianao, anaka?" [19]Hoy Jakoba tamin'ny rainy hoe: "Esao ilay lahimatoanao; efa vitako izay nasainao nataoko. Mipetraha ary mihinàna ny hazako, mba hitsofanao rano ahy."
[20]Hoy Isaka tamin'ny zanany lahy hoe: "Ahoana no nataonao nahitana izany tao anaty fotoana fohy anaka?" Hoy izy hoe: "Satria Yaveh Andriamanitrao no nitondra izany tamiko." [21]Dia hoy Isaka tamin'i Jakoba hoe: "Manatòna eto akaikiko, mba hahafahako mikasika anao, ry zanako, ka hahafantarana raha tena Esao zanako marina ianao na tsia."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Nanatona an'Isaka rainy i Jakoba; ary nikasika azy Isaka ka nanao hoe: "Ilay feo dia ny feon'i Jakoba, fa ireo tanana kosa dia an'i Esao." [23]Tsy nahafantatra azy Isaka, satria voloina ny tanany, tahaka ny tanan'i Esao rahalahiny, ka dia nitso-drano azy Isaka.
[24]Hoy izy hoe: "Tena Esao zanako marina ve ianao?" Namaly izy hoe: "Izaho tokoa." [25]Hoy Isaka hoe: "Arosoy eto amiko ny sakafo fa hohaniko ny hazanao, mba hafahako mitso-drano anao." Nentin'i Jakoba teny aminy ny sakafo. Dia nihinana Isaka, ary nitondran'i Jakoba divay izy, ka nisotro.
[26]Avy eo dia hoy Isaka rainy taminy hoe: "Manatòna akaiky ahy izao ary orohy aho, anaka." [27]Nanatona i Jakoba ka nanoroka azy, ary nifofona ny fofon'ireo akanjony izy ka nitso-drano azy. Hoy izy hoe: "Indro, ny fofon'ny zanako dia tahaka ny fofon'ny saha izay notahian'i Yaveh.
[28]Andriamanitra anie hanome anao anjara amin'ny andon'ny lanitra, anjara amin'ny tsiron'ny tany, ary voa sy divay vaovao betsaka.
[29]Hanompo anao anie ireo olona ary hiankohoka eo anatrehanao ireo firenena. Ho tompon'ireo rahalahinao ianao, ary hiankohoka eo anatrehanao anie ireo zanakin'ny reninao. Ho voahozona anie ireo rehetra izay nanozona anao; ary ho tahiana anie ireo rehetra mitso-drano anao."
[30]Vantany vao avy nitso-drano an'i Jakoba i Isaka, ary nivoaka tamin-tahotra niala teo amin'ny fanatrehan'ny rainy i Jakoba, ary niverina avy nihaza i Esao rahalahiny. [31]Nanao sakafo matsiro ihany koa izy ary nitondra izany tany amin'ny rainy. Ho izy tamin'ny rainy hoe: "Ray o, mifohaza ary mihinàna amin'ireto hazan'ny zanakao ireto, mba hahafahanao mitso-drano ahy."
[32]Hoy Isaka rainy taminy hoe: "Fa iza ianao?" Hoy izy hoe: "Zanakao aho, zanakao lahimatoa, Esao." [33]Nangovitra mafy Isaka ka niteny hoe: "Fa iza no nihaza ny osy ary nitondra izany tamiko? Nohaniko daholo izany mialohan'ny natongavanao, ary efa nitso-drano azy aho. Dia ho tahina tokoa izy."
[34]Rehefa nandre ireo tenin'ny rainy i Esao, dia nitomany mafy, ary niteny tamin'ny rainy hoe: "Tsofy rano ihany koa aho, ry raiko." [35]Hoy Isaka hoe: "Ny rahalahinao no efa tonga teto namitaka ahy ary naka ny tso-dranonao."
[36]Hoy Esao hoe: "Tsy izy ve ilay antsoina hoe Jakoba? Fa izy dia efa namitaka ahy indroa. Efa nalainy ny maha-lahimatoa ahy, ary izao dia mbola nalainy ihany koa ny tso-drano tokony ho ahy." Hoy izy avy eo hoe: "Tsy misy tso-drano efa voatokanao ho ahy ve?" [37]Namaly Isaka ary niteny tamin'i Esao hoe: "Indro, efa voahosotro ho tomponareo izy ary efa natolotro ho mpanompony ireo rahalahiny, ary efa nomeko azy ny voa sy divay vaovao. Inona no mbola afaka ataoko ho anao, ry anaka?"
[38]Hoy Esao tamin'ny rainy hoe: "Tsy mba manana tso-drano na dia iray ho ahy ary ve ianao, ry raiko? Tsofy rano ihany koa aho, ry raiko." Nitomany mafy Esao.
[39]Namaly Isaka rainy ary niteny taminy hoe: "Indro, ny toerana izay misy anao dia lavitry ny tany lonaka, lavitry ny andon'ny lanitra ambony. [40]Amin'ny alalan'ny sabatrao no hivelomanao, ary hanompo ny rahalahinao ianao. Fa rehefa mikomy ianao, dia hanala ny tenanao amin'ny fitondrany."
[41]Nankahala an'i Jakoba i Esao nohon'ny tso-drano izay nomen'ny rainy azy. Niteny tao am-pony Esao hoe: "Manakaiky ireo andro fisaonana ny raiko; aorian'izay dia ho vonoiko Jakoba rahalahiko." [42]Ireo tenin'i Esao zanany lahimatoa dia notantaraina tany amin'i Rebeka. Koa nandefa ary nampiantso an'i Jakoba zanany faralahy izy ary niteny taminy hoe: "Indro, Esao rahalahinao dia mampionona ny tenany amin'ny fikasana hamono anao.
[43]Ary noho izany, anaka, araho ny teniko ary mandosira any amin'i Labana, anadahiko, ao Harana. [44]Mijanona miaraka aminy fotoana fohy, mandra-pihenan'ny fahatezeran'ny rahalahinao, [45]mandra-paha-afaka ny hatezeran'ny rahalahinao aminao, ka hanadinoany izay nataonao taminy. Avy eo dia hampaka anao any aho. Ataoko ahona no hamoy anareo roa anatin'ny andro iray?
[46]Hoy Rebeka tamin'Isaka hoe: "Tezitra mafy aho noho ireo zanakavavin'i Hetita. Raha maka vady amin'ny iray amin'ireo zanakavavin'i Hetita i Jakoba, tahak'ireny vehivavy mipetraka amin'io tany io ireny, dia inona no soa ho ahy amin'ny fiainako?"

28 [1]Ary Isaka niantso an'i Jakoba, nitso-drano azy, ary nandidy azy hoe: "Tsy mahazo maka vady amin'ireo vehivavy Kananita ianao. [2]Mitsangàna, ka mandehana any Padana-Arama, ho any amin'ny taranak'i Betoela rain'ny reninao, dia makà vady any, iray amin'ireo zanaka vavin'i Labana, anadahin-dreninao.
[3]Andriamanitra Tsitoha anie hitahy anao, hampamokatra anao ary hahamaro anao, mba hahatonga anao ho firenena maro. [4]Homeny anao anie ny tso-dranon'i Abrahama, ho anao, sy ho an'ireo taranaka mandimby anao, mba handovanao ny tany izay efa nonenanao, izay nomen'Andriamanitra an'i Abrahama."
[5]Ary Isaka nampandeha an'i Jakoba. Nankany Padana-Arama i Jakoba, ho any amin'i Labana zanak'i Betoela Syriana, anadahin'i Rebeka, renin'i Jakoba sy Esao.
[6]Ary hitan'i Esao fa notsofin'Isaka rano Jakoba ary nampodiany tany Padana-Arama, mba haka vady avy any. Nahita ihany koa izy fa nitso-drano sy nanome baiko azy i Isaka, nanao hoe: "Tsy mahazo maka vady amin'ireo vehivavy avy any Kanàna ianao." [7]Hitan'i Esao ihany koa fa nankatò ny ray sy reniny Jakoba, ary nandeha tany Padan-Arama.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Ary hitan'i Esao fa tsy nankasitraka ireo vehivavy avy any Kanàna i Isaka rainy. [9]Koa ankoatra ireo vady izay efa nananany, dia lasa izy nankany amin'Ismaela, ary naka an'i Mahalota, zanaka vavin' Ismaela, zanak'i Abrahama, anabavin'i Nebaiota mba ho vadiny.
[10]Niala tao Beri-sheba i Jakoba ka nankany Harana. [11]Ary tonga teo amin'ny toerana iray izy ka nijanona teo nandritry ny alina tontolo, satria efa nody ny masoandro. Naka iray tamin'ireo vato teo amin'izany toerana izany izy, nametraka izany tao ambany lohany, dia nitsilany teo amin'ilay toerana mba hatory.
[12]Nanofy izy ka nahita tohatra niorina tamin'ny tany. Nipaka tamin'ny lanitra ny tendrony ary niakatra sy nidina tamin'izany ireo anjelin' Andriamanitra. [13]Indro, Yaveh nitsangana teo ambonin'izany ary niteny hoe: "Izaho no Yaveh, Andriamanitr'i Abrahama rainao, sy Andriamanitr'Isaka. Ny tany izay handrianao io, dia homeko anao sy ny taranakao.
[14]Ho toy ny vovoka amin'ny tany ny taranakao, ary hiely lavitra hatrany andrefana, ka hatrany atsinanana, hatrany avaratra, ary hatrany atsimo ianao. Amin'ny alalanao sy amin'ny alalan'ireo taranakao no hitahiana ireo fianakaviana eto an-tany rehetra. [15]Indro, momba anao Aho, ary hiaro anao na aiza na aiza halehanao. Hitondra anao amin'ity tany ity indray Aho; fa tsy handao anao Aho. Ho ataoko avokoa izay rehetra nampanantenaiko anao."
[16]Nifoha tamin'ny torimasony Jakoba, ka hoy izy hoe: "Azo antoka tokoa fa eto amin'ity toerana ity Yaveh, fa izaho no tsy nahalala." [17]Raiki-tahotra izy ka niteny hoe: "Tena mampatahotra ity toerana ity! Tsy inona akory fa tranon'Andriamanitra ity. Ity no vavahadin'ny lanitra."
[18]Nifoha maraina Jakoba dia naka ilay vato izay napetrany tao ambany lohany. Nataony ho tsangam-bato izany ary nandrarahany menaka teo an-tampon'izany. [19]Ary dia nantsoiny hoe Betela ny anaran'izany toerana izany, fa Lozy no anaran'ilay tanàna tany am-piandohana.
[20]Ary nanao voady Jakoba, niteny hoe: "Raha homba sy hiharo ahy amin'ity lalana izay andehanako ity Andriamanitra, ka hanome ahy mofo hohanina, sy akanjo ho tafiana, [21]mba hafahako miverina soa aman-tsara any an-tranon-draiko, dia Yaveh no ho Andriamanitro. [22]Ary ho lasa vato masina ity vato izay naoriko ho tsangam-bato ity. Amin'izay rehetra omenao ahy, dia ho haveriko aminao tokoa ny ampahafolony."

29 [1]Dia nanohy ny diany indray Jakoba ka tonga teo amin'ny tanin'ny mponina tatsinanana. [2]Raha nijery izy, dia nahita fantsakana teo amin'ny saha, ary, indro, nisy andian'ondry aman'osy telo nandry teo anilan'izany. Fa teo ivelan'izany fantsakana izany no nampisotron'ireo ny ondry aman'osiny, ary lehibe ny vato teo amin'ny vavan'ilay fantsakana. [3]Koa rehefa tafangona eo ireo ondry aman'osy rehetra, dia hakodin'ny mpiandry ondry ny vato eo amin'ny vavan'ny fantsakana ka hampisotroiny ny ondry, ary avy eo saronana eo amin'ny vavan'ny fantsakana indray ny vato, ho eo amin'ny fitoerany.
[4]Hoy Jakoba tamin'izy ireo hoe: "Ry rahalahiko, avy aiza moa ianareo?" Izy ireo namaly hoe: "Avy any Harana izahay."
[5]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Fantatrareo ve Labana zanak'i Nahora?" Hoy izy ireo hoe: "Fantatray izy." [6]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Salama ve izy?" Hoy izy ireo hoe: "Salama izy, ary, indro, Rahely zanany vavy tamy miaraka amin'ny ondry."
[7]Hoy Jakoba hoe: "Indro, fa misasaka ny andro. Mbola tsy fotoana fanangonana ny ondry aman'osy izao. Tokony hanome rano ny ondry ianareo ka andeha ary hamela ireo hiraoka eny." [8]Hoy izy ireo hoe: "Tsy afaka manome rano ireo izahay raha tsy efa tafangona avokoa ireo ondry aman'osy rehetra. Avy eo ireo lehilahy hanakodia ilay vato eo amin'ny vavan'ny fantsakana, dia hampisotroinay rano ny ondry."
[9]Raha mbola niresaka tamin'izy ireo Jakoba, dia indro Rahely tamy niaraka tamin'ireo ondrin'ny rainy, satria niandry ireo izy. [10]Rehefa hitan'i Jakoba i Rahely, zanaka vavin'i Labana, anadahin-dreniny, sy ny ondrin'i Labana, anadahin-dreniny, dia nanatona Jakoba, nanakodia ny vato teo amin'ny vavan'ny fantsakana, ka nampisotro rano ny ondry aman'osin'i Labana, anadahin-dreniny.
[11]Nanoroka an'i Rahely i Jakoba ary nitomany mafy. [12]Nolazain'i Jakoba tamin-dRahely fa havan-drainy izy, ary izy no zanaka lahin'i Rebeka. Dia nihazazaka i Rahely ka nilaza tamin-drainy.
[13]Nony ren'i Labana ny vaovao momba an'i Jakoba zanaky ny anabaviny, dia nihazakazaka hitsena azy izy, ka namihina azy, nanoroka azy, ary nitondra azy tany an-tranony. Nambaran'i Jakoba tamin'i Labana izany zavatra rehetra izany. [14]Dia hoy Labana taminy hoe: "Taolako sy nofoko tokoa ianao." Dia nijanona tokony ho iray volana teo aminy Jakoba.
[15]Hoy indray Labana tamin'i Jakoba hoe: "Tokony hanompo ahy maimaim-poana ve ianao satria havako? Lazao amiko, ohatrinona ny karamanao?" [16]Ary nanana zanaka roa vavy Labana. Lea no anaran'ny zokiny, Rahely kosa no anaran'ny zandriny. [17]Lea dia nalefa-pijery, fa Rahely kosa dia tsara bika no sady tsara tarehy. [18]Jakoba dia tia an-dRahely, ka hoy izy hoe: "Hanompo anao fito taona aho hahazoako an-dRahely, zanakao faravavy."
[19]Hoy Labana hoe: "Tsara kokoa raha homeko anao izy, toy izay homeko lehilahy hafa. Mijànona miaraka amiko." [20]Koa dia nanompo fito taona Jakoba mba hahazoany an-dRahely; ary tahaka ny andro vitsy ho azy ihany izany, noho ny fitiavany azy.
[21]Dia hoy Jakoba tamin'i Labana hoe: "Omeo ahy ny vadiko, fa efa feno ny fe-potoana—mba hanambadiako azy!" [22]Dia novorian'i Labana ny olona rehetra tao an-toerana ary nanao lanonana.
[23]Nony hariva, dia nalain'i Labana i Lea zanany vavy ka nentiny teo amin'i Jakoba, izay niaraha-nandry taminy. [24]Nanome an'i Zilpa mpanompo vaviny an'i Lea zanany vavy, mba ho mpanompony i Labana. [25]Nony maraina, dia indro, fa Lea no

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

teo! Hoy Jakoba tamin'i Labana hoe: "Inona izao nataonao tamiko izao? Tsy nanompo anao ve aho mba hahazoako an'i Rahely? Nahoana no dia namitaka ahy ianao?"
[26]Hoy Labana hoe: "Tsy fombanay ny manome ny zandriny vavy alohan'ny zokiny. [27]Tanteraho volantantelin'ity zanaka vavy ity, dia homenay anao koa ny anankiray mba hanompoanao ahy fito taona indray."
[28]Dia nataon'i Jakoba izany, ka notanterahany ny herinandron'i Lea. Dia natolotr'i Labana azy koa Rahely zanany vavy mba ho vadiny. [29]Dia natolotr'i Labana an'i Rahely zanany vavy koa i Bila, mba ho mpanompony. [30]Dia nandry niaraka tamin-dRahely koa Jakoba, fa tiany mihoatra noho i Lea Rahely. Dia nanompo an'i Labana fito taona indray Jakoba.
[31]Hitan'i Yaveh fa tsy mba notiavina Lea, ka nampanan'anaka azy Izy, fa Rahely kosa dia momba. [32]Dia nitoe-jaza i Lea ary niteraka zaza lahy izy, ka nataony hoe Robena ny anarany. Fa hoy izy hoe: "Satria efa nitsinjo ny fahoriako i Yaveh; dia ho tian'ny vadiko tokoa aho izao."
[33]Dia nitoe-jaza indray izy ka niteraka zaza lahy. Hoy izy hoe: "Satria efa ren'i Yaveh fa tsy mba tiana aho, dia izany no nanomezany ahy ihany koa ity zaza ity," ary ny anarany nataony hoe Simeona. [34]Dia nitoe-jaza indray izy ka niteraka zaza lahy. Hoy izy hoe: "Ankehitriny kosa dia hifikitra amiko ny vadiko, satria efa niteraka zaza lahy telo ho azy aho." Izany no nanaovany ny anarany hoe Levy.
[35]Dia nitoe-jaza indray izy ka niteraka zaza lahy. Hoy izy hoe: "Ankehitriny dia hidera an'i Yaveh aho." Izany no nanaovany ny anarany hoe Joda; dia nitsaha-jaza izy.

30 [1]Rehefa hitan'i Rahely fa tsy nanome anaka an'i Jakoba izy, dia nialona ny rahavaviny Rahely. Niteny tamin'i Jakoba izy hoe: "Omeo zanaka aho, raha tsy izany dia ho faty aho." [2]Nirehitra tamin'i Rahely ny hatezeran'i Jakoba. Hoy izy hoe: "Moa izaho no eo amin'ny toeran'Andriamanitra, izay nitazona anao tsy hanan-janaka?"
[3]Hoy izy hoe: "Indro, ity ny mpanompoko Bila. Mandria miaraka aminy, mba hahafahany miteraka zaza ho eo am-pofoako, ka hananako zanaka avy aminy." [4]Dia nomeny azy ho vadiny i Bila mpanompo vaviny, ary Jakoba nandry niaraka taminy.
[5]Nitoe-jaza ary niteraka zanaka lahy ho an'i Jakoba Bila. [6]Dia hoy Rahely hoe: "Nitsara tamin'ny fankasitrahako Andriamanitra. Nihaino ny vavaka nataoko Izy ary nanome zanaka lahy ahy." Noho izany antony izany no niantsoany ny anarany hoe Dana.
[7]Bila, mpanompon'i Rahely, dia nitoe-jaza indray ary niteraka zanaka lahy faharoa ho an'i Jakoba. [8]Hoy Rahely hoe: "Tamin'ny tolona mahery no nitolomako tamin'ny rahavaviko ary nandreseko." Nantsoiny hoe Naftaly ny anarany.
[9]Rehefa hitan'i Lea fa nijanona tsy nanan-janaka izy, dia nalainy Zilpa, mpanompo vaviny, ary nomeny ho vadin'i Jakoba izy. [10]Zilpa, mpanompon'i Lea, dia niteraka zanaka lahy ho an'i Jakoba. [11]Hoy Lea hoe: "Vintana ity!" Dia nantsoiny hoe Gada ny anarany.
[12]Avy eo Zilpa, mpanompon'i Lea, niteraka zanaka lahy faharoa ho an'i Jakoba. [13]Hoy Lea hoe: "Sambatra aho! Fa ireo zanaka vavy hiantso ahy hoe sambatra." Dia nantsoiny hoe Asera ny anarany.
[14]Nandeha tamin'ny andron'ny fijinjam-bary Robena ary nahita dodaima tao an-tsaha. Nentiny tany amin'i Lea reniny ireo. Dia hoy Rahely tamin'i Lea hoe: "Omeo sasany amin'ireo dodaiman'ny zanakao lahy aho." [15]Hoy Lea taminy hoe: "Olana kely ve aminao, ny nangalanao ny vadiko? Te haka ny dodaiman'ny zanako lahy ihany koa ianao izao?" Hoy Rahely hoe: "Dia hiara-handry aminao izy rahalina, ho takalon'ireo dodaiman'ny zanakao lahy."
[16]Avy tany an-tsaha Jakoba ny hariva. Nivoaka Lea mba hihaona taminy ary niteny hoe: "Tsy maintsy miara-mandry amiko ianao rahalina, fa nofaiko tamin'ireo dodaiman'ny zanako lahy ianao. Dia niara-nandry tamin'i Jakoba Lea ny alina. [17]Nihaino an'i Lea Andriamanitra, dia nitoe-jaza sy niteraka zanaka lahy fahadimy ho an'i Jakoba izy. [18]Hoy Lea hoe: "Nomen'Andriamanitra ahy ny karamako, satria nanome ny mpanompo vaviko ho an'ny vadiko aho." Nantsoiny hoe Isakara ny anarany.
[19]Nitoe-jaza indray Lea ary niteraka zanaka lahy faha-enina ho an'i Jakoba. [20]Hoy Lea hoe: "Nomen'Andriamanitra fanomezana tsara aho. Izao dia hanome voninahitra ahy ny vadiko, satria niteraka zanaka lahy enina ho azy aho." Nantsoiny hoe Zebolona ny anarany. [21]Rehefa afaka izany dia niteraka zanaka vavy izy ary nantsoiny hoe Dina ny anarany.
[22]Nahatsiaro an'i Rahely Andriamanitra ary nihaino azy. Nampanan'anaka izy Izy. [23]Nitoe-jaza ary niteraka zanaka lahy izy. Hoy izy hoe: "Nesorin'Andriamanitra ny henatro." [24]Nantsoiny hoe Josefa ny anarany, ary nanao hoe: "Nanampy zanaka lahy iray hafa ho ahy Yaveh."
[25]Tao aorian'ny niterahan'i Rahely an'i Josefa, dia niteny tamin'i Labana Jakoba hoe: "Alefao aho, mba hahafahako mandeha mankany amin'ny tranoko sy any amin'ny tanànako. [26]Omeo ahy ireo vadiko sy ireo zanako izay ho azy ireo no nanompoako anao, ary avelao aho andeha, fa ianao mahafantatra ny fanompoana nataoko anao."
[27]Hoy Labana taminy hoe: "Raha mahita fankasitrahana eo imasonao aho ankehitriny, dia andraso, satria fantako tamin'ny fampiasana sikidy fa nitahy ahy noho ianao i Yaveh. [28]Dia hoy izy hoe: "Teneno hoe ohatrinona ny karamanao, dia ho aloako ireo."
[29]Jakoba niteny taminy hoe: "Fantatrao ny fomba nanompoako anao, sy ny fomba nitomboan'ny biby fiompinao niaraka tamiko. [30]Fa kely no nanananao talohan'ny nahatongavako, ary nitombo be lavitra izany. Nitahy anao Yaveh na taiza na taiza niasako. Ary rahoviana aho no mba hihary ho an'ny tokantranoko koa?"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[31]Dia hoy Labana hoe: "Inona no ho aloako aminao?" Hoy Jakoba hoe: "Tsy hanome ahy na inona na inona ianao. Raha hanao izao zavatra izao ho ahy ianao, dia ho hamahana indray ny biby fiompinao ary hiambina izany aho. [32]Avelao aho hamakivaky ny biby fiompinao rehetra androany, hanala ny ondry pentipetina sy sada rehetra amin'izany, ary izay mainty rehetra eo amin'ny ondry, ary ny sada sy ny pentipentina eo amin'ireo osy. Izany no ho karamako.
[33]Ny tsy fivadihako no ho vavolombelona ho ahy any aoriana, rehefa tonga hijery ireo karamako ianao. Ny rehetra izay tsy pentipentina sy sada eo amin'ireo osy, ary tsy mainty eo amin'ny ondry, raha misy hita aty amiko, dia ho atao toy ny nangalarina." [34]Hoy Labana hoe: "Ekena. Aoka ho araka ny teninao izany."
[35]Tamin'io andro io Labana dia nanala ireo osy lahy izay sadika sy sada, sy ireo osy vavy rehetra izay pentipentina sy sada, ny rehetra izay nisy fotsy taminy, ary ireo mainty rehetra teo amin'ireo ondry, ka nanome ireo ho eo an-tanan'ireo zanany lahy. [36]Nanisy lalan-kateloana teo anelanelany sy Jakoba ihany koa Labana. Noho izany dia nijanona niandry ny ambin'ireo biby fiompin'i Labana i Jakoba.
[37]Naka tapaka rantsan-kazo popola maitso Jakoba, sy tamin'ny hazo amygdala sy hazo planata, ary namaofy ny fotsy tamin'ireo, ary nanao izay ampiseho ny aty fotsin'ny hazo izay tao amin'ireo tapa-kazo. [38]Dia nametraka ireo tapa-kazo izay novoasany teo anoloan'ireo biby fiompy, teo anoloan'ireo tavy fisotroana rano izay nandehanan'ireo hisotro izy. Nanan'anaka ireo rehefa tonga nisotro.
[39]Niteraka teo anoloan'ireo tapa-kazo ireo biby fiompy; ary ireo biby fiompy niteraka sadika, sada, ary pentipentina.
[40]Nosarahan'i Jakoba ireo zanak'ondry ireo, fa nanao ny ambin'ireo nifanatrika tamin'ireo biby sadika sy ny ondry mainty rehetra tao amin'ny biby fiompin'i Labana. Dia nosarahany ho azy irery ny biby fiompiny ka tsy nakambany niaraka tamin'ireo biby fiompin'i Labana.
[41]Na oviana na oviana niterahan'ny ondry matanjaka tao amin'ny biby fiompy, dia nampandrian'i Jakoba teo amin'ny tavy fisotroana teo anoloan'ny mason'ireo biby fiompy ireo tapa-kazo, mba hafahan'izy ireo miteraka eo amin'ireo tapa-kazo.
[42]Fa rehefa tonga ireo biby osa tamin'ireo biby fiompy, dia tsy nametraka ireo tapa-kazo teo anoloan'ireo izy. Koa an'i Labana ireo biby osa, ary an'i Jakoba ny mahery.
[43]Lasa nanan-karena be ralehilahy. Nanana biby fiompy be izy, mpanompo vavy sy mpanompo lahy, ary rameva sy ampondra.

31 [1]Ary Jakoba nandre ireo tenin'ny zanaka lahin'i Labana, izay nanao hoe: "Nalain'i Jakoba avokoa izay rehetra an'ny raintsika, ary avy tamin'ny fananan'ny raintsika no nahazoany ny hareny rehetra." [2]Hitan'i Jakoba teny amin'ny endriky ny tarehin'i Labana. Hitany fa niova ny fihetsiny taminy. [3]Avy eo Yaveh niteny tamin'i Jakoba hoe: "Miverena any amin'ny tanin'ireo razanao sy ireo havanao, ary homba anao Aho."
[4]Ary Jakoba naniraka sy niantso an'i Rahely sy Lea ho any an-tsaha any amin'ireo ondry aman'osiny [5]ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Hitako niova ny fihetsiky ny rainareo tamiko, saingy niaraka tamiko ny Andriamanitry ny raiko. [6]Fantatrareo fa tamin'ny heriko manontolo no nanompoako ny rainareo.
[7]Efa namitaka ahy ny rainareo ary nanova ny karamako impolo, saingy tsy navelan'Andriamanitra handratra ahy izy.
[8]Raha niteny izy hoe: "Ireo biby sada rehetra no ho karamanao," dia niteraka mara ny ondry aman'osy rehetra. Raha nilaza izy hoe: "Ny sadika rehetra no ho karamanao," dia niteraka sadika avokoa ny ondry aman'osy rehetra.
[9]Tamin'izany fomba izany no nangalan'Andriamanitra ny biby fiompin'ny rainareo ary nanomezany izany ho ahy.
[10]Ary tamin'ny andron'ny fahatairana ka iraisana, dia hitako tao amin'ny nofy ireo osy lahy izay miray amin'ireo ondry aman'osy. Ireo osy lahy dia sadika, mara, ary sada. [11]Ny anjelin'Andriamanitra niteny tamiko tao anaty nofy hoe: 'Ry Jakoba.' Dia hoy aho hoe: 'Inty aho.'
[12]Hoy izy hoe: "Atopazo ny masonao ary jereo ireo osy lahy rehetra izay miray amin'ireo ondry aman'osy. Sadika, sy mara ary sada ireo, satria hitako ny zavatra rehetra ataon'i Labana aminao. [13]Izaho no Andriamanitr'i Betela, izay nanosoranao tsangam-bato, sy nanaovanao voady tamiko. Ankehitriny mitsangàna ka mialà amin'ity tany ity ary miverena any amin'ny tany nahaterahanao."
[14]Namaly azy i Rahely sy Lea ka nanao taminy hoe: "Mbola misy anjara sy lova ho anay ve ao amin'ny tranon'ny rainay?
[15]Tsy nataony toy ny fitondrana vahiny ve izahay? fa namidiny izahay, ary koa noviravirainy tanteraka ny volanay izy. [16]Fa ny harena rehetra izay nalain'Andriamanitra tamin'ny rainay ankehitriny dia anay sy ny zanakay. Koa ankehitriny, na inona na inona nolazain'Andriamanitra taminao, dia ataovy izany."
[17]Avy eo dia nitsangana Jakoba ary nametraka ireo zanany lahy sy ny vadiny teo ambony rameva. [18]Nentiny avokoa ny biby fiompiny rehetra, niaraka tamin'ireo fananany rehetra, anisan'izany ny biby fiompy izay azony tany Padana-arama. Avy eo dia niainga mba hankany amin'Isaka rainy any amin'ny tany Kanana izy.
[19]Raha nandeha mba hanety ny ondriny i Labana, dia nangalarin'i Rahely ny sampin-drainy. [20]I Jakoba ihany koa dia namitaka an'i Labana ilay Syriana, tamin'ny tsy fitenenana azy fa handeha izy. [21]Ka dia nitsoaka niaraka tamin'izay rehetra nananany izy ary niampita faingana ny ony, ary nizotra nankany amin'ny tany havoana an'i Gileada.
[22]Tamin'ny andro faha-telo dia nolazaina tamin'i Labana fa nitsoaka i Jakoba. [23]Noho izany dia nalainy ireo havany ary nanaraka azy nandritra ny lalana hafitoana. Tratrany teo amin'ny tanànan'i Gileada izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Ary Andriamanitra tonga tamin'ny Labana ilay Syriana tamin'ny nofy nony alina ka nanao taminy hoe: "Tandremo mba tsy hanao teny tsara na ratsy an'i Jakoba ianao." [25]Tratran'i Labana i Jakoba. Ary Jakoba nanorina ny lainy teo amin'ilay tany havoana. Dia nanorina lay teo amin'ilay tany havoana an'i Gileada ihany koa i Labana niaraka tamin'ireo havany. [1]
[26]Hoy Labana tamin'i Jakoba hoe: "Inona no nataonao, no dia namitaka ahy ianao ka nitondra ireo zanako vavy toy ny babo an'ady? [27]Nahoana ianao no nitsoaka mangina sy namitaka ahy fa tsy niteny tamiko? Afaka nandefa anao tamin'ny fankalazana sy hira aho, niaraka tamin'ny aponga tapaka sy lokanga. [28]Tsy navelanao hanoroka hanao veloma ireo zafiko sy ireo zanako vavy aho. Ary adalana izao nataonao izao.
[29]Manana hery handratrana anareo aho, saingy ny Andriamanitry ny rainareo niteny tamiko tamin'ny alina hoe: 'Tandremo mba tsy hasianao teny akory Jakoba na tsara na ratsy.' [30]Ankehitriny lasa ianao satria manina ny hiverina any an-tranon'ny rainareo. Saingy nahoana no nangalarinao ireo andriamanitro?"
[31]Namaly Jakoba ka nanao tamin'i Labana hoe: "Satria natahotra aho ary nieritreritra fa ho halainao amiko amin-kery ireo zanakao vavy no nahatonga ahy handositra mangingina. [32]Na iza na iza nangalatra ny andriamanitrao dia ho faty izy. Eo anatrehan'ireo havantsika, dia fantaro izay rehetra ety amiko ka anareo dia alaivo izany." Satria tsy fantatr'i Jakoba fa Rahely no nangalatra izany.
[33]Ary Labana nandeha nankany amin'ny lain'i Jakoba, tany amin'ny lain'i Lea, ary tany amin'ny lain'ireo mpanompo vavy roa, saingy tsy nahita azy ireo izy. Nivoaka tao amin'ny lain'i Lea izy ary niditra tao amin'ny lain'i Rahely.
[34]Ary efa nalain'i Rahely ireo sampy ka nataony tao anatin'ny laselin'ny rameva, ka nipetraka teo ambonin'izany izy. Nikaroka nanerana ny lay i Labana saingy tsy nahita ireo. [35]Hoy Rahely tamin'ny rainy hoe: "Aza tezitra, tompoko, fa tsy afaka mijoro eo anoloanao aho, satria tonga fadim-bolana aho." Ka dia nitady izy fa tsy nahita ireo sampiny.
[36]Tezitra Jakoba ka nifamaly tamin'i Labana. Hoy izy taminy hoe: "Inona no fandikan-dalàna nataoko? Inona no fahotako, no nanenjika ahy tamin-kafanam-po ianao? [37]Fa nosavainao avokoa ny fananako rehetra. Ary inona tamin'ireo rehetra zavatsoan'ny ankohonanao no hitanao? Apetraho eto anoloan'ireo havantsika izany, mba hahafahan'izy ireo mitsara eo amintsika roa tonta.
[38]Fa niaraka taminao foana aho nandritry ny roapolo taona. Ireo ondry vavinao sy osy vavinao tsy mba namotsotra, ary tsy mba nihinana ny ondry lahy avy tamin'ireo ondrinao aho. [39]Tsy mba nentiko teo aminao izay voaviraviran'ireo bibidia. Fa kosa, izaho no nizaka ny fahaverezan'izany. Ataonao mandoa ny biby very rehetra foana aho, na ny nangalarina atoandro na ny nangalarina alina. [40]Tany aho; ny atoandro dia namely ahy ny hafanana, ary ny alina dia namely ahy ny fanala; ary tsy mba natory.
[41]Nitoetra tao an-tranonao aho nandritr'izay roapolo taona izay. Niasa ho anao nandritry ny efatra ambin'ny folo taona aho mba hahazoako ireo zanakao roa vavy ary enin-taona ho an'ireo ondry aman'osinao. Novainao impolo ny karamako.
[42]Raha tsy niaraka tamiko ny Andriamanitry ny raiko, ilay Andriamanitr'i Abrahama, ary ilay hatahoran'Isaka, dia ho nalefanao nandeha tanam-polo tokoa aho. Hitan'Andriamanitra ny fahoriako sy ny fiasako mafy, ka niteny mafy anao Izy tamin'ny alina."
[43]Namaly Labana ka niteny tamin'i Jakoba hoe: "Ireo zazavavy ireo dia zanako vavy, zafikeliko ireo zafikely, ary ondry aman'osiko ireo ondry aman'osy. Izay hitanao rehetra dia ahy avokoa. Ankehitriny kosa inona no afaka ataoko ho an'ireo zanako vavy, na ho an'ireo zaza naterany? [44]Koa ankehitriny, andeha isika hanao fanekena, dia izaho sy ianao, ary aoka izany ho vavolombelona amiko sy aminao."
[45]Noho izany dia naka vato Jakoba ary nanangana izany ho tsangam-bato. [46]Hoy Jakoba tamin'ireo havany hoe: "Manangona vato." Ka dia naka ny vato izy ireo ary nanao antontany. Avy eo izy ireo nihinana teo amin'ilay antontam-bato izy ireo. [47]Nantsoin'i Labana hoe Jegara-sahadota izany, fa Jakoba niantso izany hoe Galeda.
[48]Hoy Labana hoe: "Ity antontam-bato ity no vavolombelona amintsika anio." Noho izany ny anarany dia nantsoina hoe Galeda. [49]Antsoina ihany koa hoe Mizpa izany, satria hoy Labana hoe: "Yaveh anie hitsinjo ahy sy ianao, rehefa tsy mifankahita isika. [50]Raha ampijalianao ireo zanako vavy, na manambady hafa ankoatr'ireo zanako vavy ianao, na dia tsy misy olona hafa aza eto amintsika, dia indro Andriamanitra no vavolombelona eo amiko sy aminao."
[51]Hoy Labana tamin'i Jakoba hoe: "Jereo ity antontam-bato ity, ary jereo ny tsangam-bato, izay naoriko eto anelanelantsika. [52]Vavolombelona ity antontam-bato ity, ary vavolombelona ilay tsangam-bato, mba tsy hihoarako ity antontam-bato ity mankany aminao, sy tsy hihoaranao ity antontam-bato sy tsangam-bato ity mankaty amiko, hanao ratsy. [53]Ilay Andriamanitr'i Abrahama, sy ilay andriamanitr'i Nahora, ary ireo andriamanitry ny rain'izy ireo anie hitsara antsika." Nianiana tamin'Ilay Tahotry Isaka rainy i Jakoba.
[54]Nanolotra sorona tany an-tendrombohitra i Jakoba ary niantso ireo havany mba hihinana. Nihinana izy ireo ary nijanona teny an-tendrombohitra ny alina tontolo. [55]Vao mangiran-dratsy dia nifoha i Labana, nanoroka ireo zafikeliny sy ireo zanany vavy ary nitso-drano azy ireo. Avy eo dia niala teo ary niverina nankany an-tranony Labana.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany taty aoriana misy hoe: "Labana ihany koa dia nanorina lay teo amin'ny vohitr'i Gileada."

---

32 [1]Nandeha tamin'ny lalany ihany koa Jakoba, ary nihaona taminy ny anjelin'Andriamanitra. [2]Rehefa nahita azy ireo Jakoba, dia hoy izy hoe: "Ity no tobin' Andriamanitra," ka Mahanaima no niantsoany izany toerana izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Nandefa mpitondra hafatra nialoha azy Jakoba mba ho any amin'i Esao rahalahiny any amin'ny tanin'ny Seira, any amin'ny faritr'i Edoma. [4]Nibaiko azy ireo izy, niteny hoe: "Izao no ho lazainareo amin'i Esao tompoko: Izao no vaolazan'i Jakoba mpanomponao hoe: 'Efa nonina niaraka tamin'i Labana aho, ary nanemotra ny fodiako hatramin'izao. [5]Manana omby, boriky, ondry aman'osy, ary mpanompo lahy sy mpanompo vavy aho. Nandefa ity hafatra ity tany amin'ny tompoko aho, mba hahazoako sitraka eo imasonao.'"
[6]Niverina tany amin'i Jakoba ireo mpitondra hafatra ary niteny hoe: "Nandeha tany amin'i Esao rahalahinao izahay. Ho avy hihaona aminao izy, ary efajato lahy no hiaraka aminy." [7]Ary natahotra mafy sy nihorohoro Jakoba. Ka nozarainy ireo vahoaka niaraka taminy mba ho antoko anankiroa, ary koa ireo ondry aman'osy, omby, rameva. [8]Hoy izy hoe: "Raha tonga amin'ny antoko iray Esao ka manafika izany, dia ho afa-mandositra ny antoko iray ambiny."
[9]Hoy Jakoba hoe: "Ry Andriamanitr'i Abrahama raiko, sy Andriamanitr'Isaka raiko, ry Yaveh, izay niteny tamiko hoe: 'Modia any amin'ny taninao sy ny havanao, ary Izaho hanambina anao,' [10]tsy mendrika ireo asan'ny fanekena mahatoky sy ny fahamendreham-pitokisana rehetra izay nataonao ho an'ny mpanomponao aho. Fa ny tehiko no hany nentiko nita ity Jordana ity, ary ankehitriny efa lasa antoko anankiroa aho.
[11]Mba vonjeo amin'ny tanan'ny rahalahiko, ny tanan'i Esao aho, fa matahotra azy aho, ndrao ho avy izy hanafika ahy sy ny reny mbamin'ny zaza. [12]Kanefa Ianao niteny hoe: 'Ho ambiniko tokoa ianao. Hataoko ho toy ny fasi-dranomasina ny taranakao, izay tsy ho tambo isaina.'"
[13]Nitoetra teo Jakoba tamin'iny alina iny. Naka ny sasany tamin'izay nananany niaraka taminy izy mba ho fanomezana ho an'i Esao rahalahiny: [14]osy vavy roanjato ary osy lahy roapolo, ondry vavy roanjato sy ondry lahy roapolo, [15]rameva be ronono telopolo ary ireo zana-borikin'izy ireo, omby vavy efapolo sy omby lahy folo, ampondra vavy roapolo ary ampondra lahy folo. [16]Natolony ireo mba ho eo an-tanan'ny mpanompony, ny andiany tsirairay avy. Niteny tamin'ny mpanompony izy hoe: "Mandehana eo alohako ary asio elanelana isaky ny andiam-biby."
[17]Nanome toromarika ny mpanompo voalohany izy, niteny hoe: "Rehefa mifanena aminareo Esao rahalahiko ka manontany anareo, manaohoe: 'Olon'iza ianareo? Ho aiza ianareo? An'iza ireo biby izay eo anoloanareo?' [18]Dia hiteny ianareo hoe: 'An'i Jakoba mpanomponao ireo. Ireo dia fanomezana nalefa ho an'i Esao tompoko. Indro, tamy ao aorianay ihany koa izy.'"
[19]Nanome toromarika ny vondrona faharoa, ny fahatelo, ary ny lehilahy rehetra izay nanaraka ireo andiam-biby ihany koa i Jakoba. Hoy izy hoe: "Hilaza zavatra mitovy amin'i Esao ianareo rehefa mifanena aminy. [20]Tsy maintsy miteny ihany koa ianareo hoe: 'Jakoba mpanomponao dia avy ao afaranay.'" Fa nihevitra izy hoe: "Hampitony azy amin'ny fanomezana izay alefako eo alohako aho. Ary avy eo, rehefa hitako izy, dia angamba mety handray ahy izy." [21]Koa nalefa nialoha azy ireo fanomezana. Izy tenany nijanona tao an-toby iny alina iny.
[22]Nifoha Jakoba nandritry ny alina, ary naka ny vadiny anankiroa, ny ankizivaviny anankiroa, ary ny zanany lahy iraika ambin'ny folo. Nalefany tany ampitan'ny fitàn'i Jaboka izy ireo. [23]Tamin'io no nampitany azy ireo tany ampitan'ny rano mandeha niaraka tamin'ireo fananany rehetra.
[24]Tavela irery Jakoba, ary nisy lehilahy iray nitolona taminy mandra-parain'ny andro. [25]Rehefa hitan'ilay lehilahy fa tsy haharesy azy izy, dia novelesiny ny foto-pen'i Jakoba. Nipitsoka ny fotopen'i Jakoba raha nitolona taminy izy. [26]Niteny ilay lehilahy hoe: "Aleo aho handeha, fa efa ho mangiran-dratsy." Ary Jakoba niteny hoe: "Tsy hamela anao handeha aho raha tsy mitso-drano ahy ianao."
[27]Dia hoy ilay lehilahy taminy hoe: "Iza no anaranao? "Jakoba namaly hoe: "Jakoba." [28]Hoy ilay lehilahy hoe: "Ny anaranao dia tsy ho Jakoba intsony, fa Israely. Satria ianao nitolona tamin'Andriamanitra sy tamin'ny vahoaka ary efa nandresy."
[29]Nanontany azy Jakoba hoe: "Mba lazao ahy tompoko ny anaranao." Hoy izy hoe: "Nahoana ianao no manontany ny anarako?" Avy eo nitso-drano azy teo izy. [30]Jakoba niantso ny anaran'ilay toerana hoe Peniela satria hoy izy hoe: "Efa nifanatri-tava tamin'Andriamanitra aho, ary avotra ny aiko."
[31]Niposaka ny masoandro raha nandalo an'i Peniela i Jakoba. Nandringa izy nohon'ny foto-peny. [32]Izany no antony tsy nihinanan'ny vahoakan'i Israely ny hozatry ny foto-pe izay eo amin'ny fitohizan'ny fe mandrak'ankehitriny, satria nandratra ireo hozatra ireo ilay lehilahy raha nanapitsoka ny foto-pen'i Jakob.

33 [1]Nitazana ambony Jakoba ary, indro Esao nanatona, ary nisy lehilahy efajato niaraka taminy. Notsinjarain'i Jakoba tamin'i Lea, Rahely, ary ireo mpanompo vavy ireo ankizy. [2]Avy eo dia napetrany teny aloha ireo mpanompo vavy sy ny zanak'izy ireo, narahin'i Lea sy ireo zanany, ary narahin'i Rahely sy Josefa ny farany indrindra. [3]Izy mihitsy no nandeha nialoha azy ireo. Niankohoka impito teo amin'ny tany izy, mandra-pahatongany teo akaikin'ny rahalahiny.
[4]Nihazakazaka mba hitsena azy Esao, namihina azy, nisakambina ny tendany ary nanoroka azy. Avy eo dia nitomany izy ireo. [5]Rehefa nitazana ambony Esao, dia nahita ireo zaza amam-behivavy izy. Hoy izy hoe: "Iza ireo olona miaraka aminao ireo?" Hoy Jakoba hoe: "Ireo no ankizy izay nomen'Andriamanitra tamim-pahasoavana ho an'ny mpanomponao."
[6]Avy eo nandroso teny aloha ilay mpanompo vavy niaraka tamin'ireo zanany, ary niankohoka izy ireo. [7]Avy eo dia nanatona teny aloha ihany koa Lea sy ireo zanany ary niankohoka. Ary farany Josefa sy Rahely nanatona teny aloha ary niankohoka. [8]Hoy Esao hoe: "Inona no dikan'ny nandefasanao ireny vondrona rehetra nifanena tamiko ireny?" Hoy Jakoba hoe: "Mba hahazoana sitraka eo imason'ny tompoko."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Hoy Esao hoe: "Efa manana ny ampy aho, ry rahalahiko. Hazony ho an'ny tenanao izay anananao." [10]Hoy Jakoba hoe: "Tsia, miangavy re, raha efa nahita fitia eo imasonao aho, dia ekeo ny fanomezana avy amiko, izay eo an-tanako, eny tokoa, efa nahita ny endrikao aho, ary toy ny mahita ny endrik'Andriamanitra izany, ary dia noraisinao aho. [11]Mba raiso re ny fanomezana izay nentina ho anao, satria efa nanome fahasoavana ahy Andriamanitra, ary satria efa manana ny ampy aho." Dia toy izany no nandrisihan'i Jakoba azy, ary dia neken'i Esao izany.
[12]Ary hoy Esao hoe: "Andeha isika hanainga. Handeha eo alohanareo aho." [13]Hoy Jakoba taminy hoe: "Ny tompoko dia mahafantatra fa mbola kely ireto ankizy, ary mbola mitaiza ny zanany ireo ondry sy omby. Raha entina mafy na dia iray andro monja aza izy ireo, dia ho faty avokoa ireo biby rehetra. [14]Mba avelao re ny tompoko handeha hialoha ny mpanompony. Handeha moramora kokoa aho, araka ny famindran'ireo biby fiompy izay eo alohako, ary araka ny dian'ireto zaza, mandra-pahatongako any amin'ny tompoko any Seira."
[15]Hoy Esao hoe: "Avelao hajanoko aminao ny sasany amin'ireo lehilahy miaraka amiko." Fa hoy Jakoba hoe: "Nahoana no manao izany? Efa ampy ny hatsaram-panahin'ny tompoko tamiko." [16]Koa dia nanomboka ny diany hiverina ho any Seira i Esao tamin'io andro io. [17]Nandeha tany Sokota i Jakoba, nanangana trano ho azy, ary nanao fialofana ho an'ireo biby fiompiny. Noho izany dia nantsoina hoe Sokota io toerana io.
[18]Rehefa avy tany Padana-Arama i Jakoba, dia tonga soa aman-tsara tao amin'ny tanànan'i Sekema, izay tao amin'ny tany Kanana. Nitoby teo akaikin'ny tanàna izy. [19]Avy eo izy nividy ny ampahan-tany izay nanorenany ny lainy tamin'ny zanak'i Hamora, rain'i Sekema, tamin'ny volafotsy madinika zato. [20]Teo no nanorenany alitara ary nantsoiny hoe El-Elohe Israely izany.

34 [1]Ary Dina, zanaka vavin'i Lea tamin'i Jakoba, nandeha mba hihaona amin'ireo zazavavin'ilay faritra. [2]Sekema zanaka lahin'i Hamora Hivita, ilay andriandahin'ny tany, nahita azy dia naka an-keriny azy, sy nanery azy ary niara-nandry taminy. [3]Nahasarika azy tokoa i Dina, ilay zanaka vavin'i Jakoba. Tia an'ilay zazavavy izy ary niresaka tam-pitiavana taminy.
[4]Niresaka tamin'i Hamora rainy i Sekema, nanao hoe: "Alaivo mba ho vadiko io tovovavy io." [5]Ary Jakoba nandre fa efa nandoto an'i Dina ilay zanany vavy izy. Tany an-tsaha niaraka tamin'ireo biby fiompy ireo zanany lahy, noho izany dia nitazona ny fahanginany mandra-pahatongan'izy ireo i Jakoba.
[6]Nankany amin'i Jakoba mba hiresaka aminy i Hamora rain'i Sekema. [7]Tonga avy any an-tsaha ireo zanaka lahin'i Jakoba raha nandre ny olana. Tohina tokoa ireo lehilahy ireo. Tezitra mafy izy ireo satria nanala baraka an'Israely izy tamin'ny fanaovany an-keriny ny zanaka vavin'i Jakoba, fa izany karazan-javatra izany dia tsy tokony natao.
[8]Niresaka tamin'izy ireo i Hamora, nanao hoe: "Sekema zanako lahy dia tia ny zanakao vavy. Ka mba omeo ho vadiny re izy. [9]Mifanambadia aminay, omeo anay ny zanakao vavy, ary alaivo ho anareo ny zanakay vavy. [10]Hiara-honina aminay ianareo, ary ny tany hisokatra ho anareo mba hitoerana sy hanaovana varotra, ary ho lasa fananana."
[11]Hoy Sekema tamin'ny rainy sy ireo rahalahiny hoe: "Aoka hahita sitraka eo imasonareo aho, ary na inona na inona lazainareo ahy dia homeko. [12]Angataho amiko na dia lafo aza ny sandan'ny vady sy ny fanomezana araka izay sitrakareo, ary homeko anareo na inona na inona teneninareo amiko, fa omeo ho vadiko ilay tovovavy. [13]Namaly am-pitaka an'i Sekema sy Hamora rainy ireo zanaka lahin'i Jakoba, satria nandoto an'i Dina anabavin'izy ireo i Sekema.
[14]Hoy ireo tamin'izy ireo hoe: "Tsy afaka manao izany zavatra izany izahay, hanome ny anabavinay ho an'ny olona izay tsy voafora; fa ho fahafaham-baraka ho anay izany. [15]Amin'izao fepetra izao ihany no hanekenay anareo: raha mifora toa anay ianao, ary raha mifora avokoa ny lehilahy rehetra eo aminao. [16]Dia homenay anareo ireo zanakay vavy, ary ho alainay ho anay ireo zanakareo vavy, dia hiara-honina isika ka ho tonga vahoaka iray. [17]Fa raha tsy mihaino anay ianareo ka tsy mifora, dia ho entinay ny anabavinay ary handeha izahay."
[18]Nahafaly an'i Hamora sy i Sekema zanany ny tenin'izy ireo. [19]Fa ilay tovolahy dia tsy nitaredretra nanao izay nolazain'izy ireo, satria finaritra tamin'ny zanaka vavin'i Jakoba izy, ary satria izy no olona homem-boninahitra indrindra ao amin'ny ankohonan'ny rainy rehetra.
[20]Nankany amin'ny vavahadin'ny tanànan'izy ireo i Hamora sy Sekema ary niresaka tamin'ireo olon'ny tanàna, nanao hoe: [21]"Mihavana amintsika ireo olona ireo, koa avelao izy ireo honina amin'ny tany sy hanao varotra eo amin'izany, satria tokoa, tena, midadasika ampy ho azy ireo ny tany. Haka ny zanaka vavin'izy ireo ho vady isika, ary hanome azy ireo ny zanantsika vavy.
[22]Amin'ity fepetra tokana ity ihany no haneken'ireo olona hiara-honina amintsika sy ho tonga vahoaka iray: raha mifora avokoa ny lehilahy rehetra eo amintsika, toy ny maha-voafora azy ireo. [23]Tsy ho lasantsika avokoa ve ny biby fiompy sy ny fananan'izy ireo—ary ny biby rehetra? Koa aoka hanaiky azy ireo isika, dia honina eo amintsika izy ireo."
[24]Nihaino an'i Hamora sy Sekema, ilay zanany lahy avokoa ny olona rehetra tao an-tanàna. Noforaina avokoa ny lehilahy rehetra. [25]Tamin'ny andro fahatelo, raha mbola tao anatin'ny fanaitainana izy ireo, ny roa tamin'ny zanaka lahin'i Jakoba (Simeona sy Levy, anadahin'i Dina), dia samy nandray ny sabatrany ary nanafika ny tanàna izay azo antoka ny fiarovana azy, izy ireo, ka namono ny lehilahy rehetra. [26]Novonoin'izy ireo tamin'ny lelan-tsabatr'izy ireo i Hamora sy Sekema zanany. Nalain'izy ireo tao an-tranon'i Sekema i Dina ary lasa izy ireo.
[27]Nankeo amin'ireo faty ireo zanaka lahy hafan'i Jakoba ary nandroba ny tanàna, satria efa nandoto ny anabavin'izy ireo ny olona. [28]Nalain'izy ireo ny ondry aman'osin'izy ireo, ny ombin'izy ireo, ny borikin'izy ireo, ary ny zavatra rehetra tao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

amin'ny tanàna sy izay nanodidina ny saha [29]niaraka tamin'ny haren'izy ireo rehetra. Ny zanaka sy ny vadin'izy ireo rehetra, dia nosamborin'izy ireo. Nalain'izy ireo hatramin'ny zavatra rehetra izay tao an-trano.
[30]Hoy Jakoba tamin'i Simeona sy Levy hoe: "Nitondra olana ho ahy ianareo, nahamaimbo ahy teo amin'ireo mponin'ny tany, ireo Kananita sy ireo Perizita. Vitsy an'isa aho. Raha miara-mihoko hanohitra ahy sy hamely ahy izy ireo, dia ho resy aho, izaho sy ny ankohonako." [31]Fa Simeona sy Levy nanao hoe: "Tokony hitondra ny anabavinay tahaka ny vehivavy janga ve i sekema?"

35 [1]Hoy Andriamanitra tamin'i Jakoba hoe: "Mitsangàna, mandehana miakatra any Betela ary mipetraha any. Manamboara alitara any ho an' Andriamanitra, izay niseho taminao fony ianao nandositra an'i Esao rahalahinao."
[2]Ary Jakoba niteny tamin'ny ankohonany sy ireo rehetra niaraka taminy hoe: "Avelao ireo andriamanitra hafa izay eo aminareo, diovy ny tenanareo, ary soloy ny fitafianareo. [3]Andao isika hanainga ho any Betela. Hanamboatra alitara any aho ho an'Andriamanitra, izay namonjy ahy tamin'ny andro fahoriko, sy niaraka tamiko foana na taiza na taiza nalehako."
[4]Dia nomen'izy ireo an'i Jakoba ireo andriamanitra hafa rehetra izay teny an-tanany, sy ireo kavina teny an-tsofin'izy ireo. Nalevin'i Jakoba tao ambanin'ny hazo teribina izay akaikin'i Sikema ireo. [5]Raha nandeha izy ireo, dia nandatsahan'Andriamanitra horohoro teo amin'ireo tanàna manodidina azy ireo, koa dia tsy nanenjika ireo zanaka lahin'i Jakoba ireo olona ireo.
[6]Tonga tao Lozy i Jakoba (izay ao Betela ihany), izay ao amin'ny tany Kanana, izy sy ireo olona rehetra izay niaraka taminy. [7]Nanangana alitara tao izy ary nantsoiny hoe El-betela izany toerana izany, satria tao Andriamanitra no nanambara ny Tenany taminy, raha nandositra ny rahalahiny izy. [8]Ary maty i Debora, mpitaiza an'i Rebeka. Nalevina tao ambanimbanin'ny Betela tao amban'ilay hazo terebinta izy, koa dia nantsoina izany hoe Alona-bakota.
[9]Rehefa niverina avy any Padan-Arama i Jakoba, dia niseho taminy indray Andriamanitra ary nitso-drano azy. [10]Hoy Andriamanitra taminy hoe: "Jakoba no anaranao, kanefa tsy antsoina hoe Jakoba intsony ianao. Fa atao hoe Israely." Dia natsoin'Andriamanitra hoe Israely ny anarany.
[11]Hoy Andriamanitra taminy hoe: "Izaho no Andriamanitra Tsitoha. Miteraha maro ary mihamaroa. Hisy firenena sy ny fikambanam-pirenena hipoitra avy aminao, ary mpanjaka no ho eo amin'ireo taranakao. [12]Ilay tany izay nomeko an'i Abrahama sy Isaka, dia homeko anao. Ho an'ireo taranakao izay mandimby anao dia homeko an'ilay tany ihany koa. [13]Dia niakatra ka niala teo aminy, teo amin'ilay toerana izay niresahany taminy Andriamanitra.
[14]Nanorina tsangam-bato teo amin'ilay toerana niresahan'Andriamanitra taminy i Jakoba, tsangam-bato vita tamin'ny vato. Nandraraka fanatitra sotroina sy nandraraka diloilo teo amin'izany izy. [15]Nantsoin'i Jakoba hoe Betela ilay toerana izay niresahan'Andriananitra taminy.
[16]Niala tao Betela izy ireo. Raha mbola lavidavitra an'i Efratà izy ireo, dia nihetsi-jaza Rahely. Saro-piterahana izy. [17]Raha tao anatin'ny fangirifirian'ny fahasarotam-piterahana izy, dia nilaza taminy ilay mpampivelona hoe: "Aza matahotra, fa izao dia hahazo zazalahy iray hafa ianao." [18]Ary raha teo am-pialany aina, tamin'ny fara-fofonainy no niantsoiny azy hoe Benony izy, kanefa ny rainy niantso azy hoe Benjamina. [19]Maty Rahely ary nalevina teny amin'ny lalana mankany Efratà (izay atao hoe Betlehema). [20]Nanangana tsangam-bato teo ambonin'ny fasany i Jakoba. Izany no famantarana ny fasan'i Rahely hatramin'izao.
[21]Nanohy ny diany Israely ary nanangana ny lainy tao ambadiky ny tilikambo fiambenana ireo ondry aman'osy. [22]Raha nipetraka tao amin'izany tany izany Israely, dia niara-nandry tamin'i Bila izay vaditsindranon-drainy i Robena, ka ren'i Israely izany. Ary nanan-janaka lahy roa ambin'ny folo i Jakoba.
[23]Ireo zanany lahy avy tamin'i Lea dia Robena, ilay lahimatoan'i Jakoba, sy Simeona, Levi, Joda, Isakara, ary Zebolona.
[24]Ireo zanany lahy avy amin'i Rahely dia Josefa sy Bejamina. [25]Ireo zanany lahy avy amin'i Bila, izay mpanompovavin'i Rahely, dia Dana sy Naftaly.
[26]Ireo zanaka lahy avy amin'i Zilpa, mpanompovavin'i Lea, dia Gada sy Asera. Ireo rehetra ireo no zanaka lahin'i Jakoba izay naterany tany Padana-Arama. [27]Jakoba tonga tany amin'i Isaka, rainy, tany Mamre any Kiriat-Arba (na Hebròna ihany koa), toerana izay nipetrahan'i Abrahama sy Isaka.
[28]Niaina valopolo amby zato taona Isaka. Niala aina i Isaka ka maty ary nangonina ho any amin'ireo razambeny, zokiolona voky andro izy. [29]Esao sy Jakoba, ary ireo zanany lahy, no nandevina azy.

36 [1]Ireto ny taranak'i Esao (izay antsoina ihany koa hoe: Edoma). [2]Avy tamin'ireo Kananita i Esao no naka ireo vadiny. Ireto avy ireo vadiny: Ada ilay zanaka vavin'i Elona ilay Hetita; Oholibama ilay zanakavavin'i Ana, ilay zafikelin'i Zibona ilay Hivita; [3]ary Basemata, zanaka vavin'Ismaela, anabavin'i Nebaiota.
[4]Niteraka an'i Elifaza tamin'i Esao i Ada, ary Basemata niteraka an'i Regoela. [5]Oholibama niteraka an'i Jeosy, Jalama, ary Kora. Ireo no zanaka naterak'i Esao izay teraka ho azy tany amin'ny tany Kanàna.
[6]Nalain'i Esao ireo vadiny, ireo zanany lahy, ireo zanany vavy, sy ireo mpikambana rehetra ao amin'ny ankohonany, ireo biby fiompiny—ireo bibiny rehetra, sy ireo fananany rehetra, izay nangoniny tany amin'ny tany Kanana, ka lasa nankany amin'ny tany izay lavitra an'i Jakoba rahalahiny. [7]Nanao izany izy satria maro loatra ireo fananan'izy ireo raha hiara-

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

honina. Ny tany izay efa nanorenan'izy ireo fonenana dia tsy nahazaka azy ireo noho ireo biby fiompin'izy ireo. [8]Noho izany Esao, izay fantatra ihany koa amin'ny hoe Edoma, dia nonina tany an-tendrombohitr'i Seira.
[9]Izy ireo no taranak'i Esao, ilay razamben'ny Edomita tany an-tendrombihitr'i Seira. [10]Ireto ny anaran'ireo zanaka lahin'i Esao: Elifaza zanak'i Ada, ilay vadin'i Esao, Regoela zanak'i Basemata, ilay vadin'i Esao. [11]Temana, Omara, Zefo, Gatama, ary Kenaza no zanaka lahin'i Elifaza. [12]Timna, vaditsindranon'i Elifaza, zanak'i Esao, niteraka an'i Amaleka. Ireo no zafikelin'i Ada, vadin'i Esao.
[13]Ireto no zanak'i Regoela: Nahata, Zera, Sama, ary Miza. Ireo no zafikelin'i Basemata, vadin'i Esao. [14]Ireto no zanak'i Oholibama, vadin'i Esao, izay zanaka vavin'i Ana sy zafikelin'i Zibona. Izy dia niteraka an'i Jeosy, Jalama, ary Kora tamin'i Esao.
[15]Ireto ny foko teo amin'ny taranak'i Esao: ireo taranak'i Elifaza, ilay lahimatoan'i Esao: Temana, Omara, Zefo, Kenaza, [16]Kora, Gatama, ary Amaleka. Ireo no foko izay avy amin'ny taranak'i Elifaza tany amin'ny tanin'i Edoma. Izy ireo no zafikelin'i Ada.
[17]Ireto ny foko avy amin'i Regoela, zanakalahin'i Esao: Nahata, Zera, Sama, Miza. Ireo no foko avy amin'ny taranak'i Regoela tany amin'ny tany Edoma. Ireo no zafikelin'i Basemata, vadin'i Esao. [18]Ireto ny fokon'i Oholibama, vadin'i Esao: Jeosy, Jalama, Kora. Ireo no foko avy amin'ny taranakin'i Oholibama vadin'i Esao, zanakavavin'i Anà. [19]Ireo no zanaka lahin'i Esao, ary ireo no fokon'izy ireo.
[20]Ireto ny zanaka lahin'i Seira ilay Horita, ireo mponin'ny tany: Lotana, Sobala, Zibona, Ana, [21]Disona, Ezera, ary Disana. Ireo no fokon'ny Horita, ireo mponin'i Seira tany amin'ny tany Edoma. [22]Hory sy Hemana no zanak'i Lotana, ary Timna no anabavin'i Lotana.
[23]Ireto no zanaka lahin'i Sobala: Alvana, Manahata, Ebala, Sefo, ary Onama. [24]Ireto no zanaka lahin'i Zibona: Aia sy Ana. Ana no nahita ilay loharano mafana tany an'efitra, raha niandry ireo borikin'i Zibona rainy izy.
[25]Ireto ny zanak'i Ana: Disona sy Oholibama, ilay zanaka vavin'i Ana. [26]Ireto ny zanaka lahin'i Disona: Hemdana, Esbana, Jitrana, ary Kerana. [27]Ireto ny zanaka lahin'i Ezera: Bilana, Zavana, ary Akana. [28]Ireto ny zanaka lahin'i Disana: Oza sy Arana.
[29]Ireto ny fokon'ireo Horita: Lotana, Sobala, Zibona, ary Ana, [30]Disona, Ezera, Disàna: ireto ny fokon'i Horita, araka ny fokon'izy ireo notanisaina tany amin'ny tany Seira.
[31]Ireto ny mpanjaka izay nanjaka tany amin'ny tany Edoma talohan'izay mpanjaka nanjaka teo amin'ireo Israelita: [32]Bela zanak'i Beora, nanjaka an'i Edoma, ary Dinaba no anaran'ny tanànany. [33]Rehefa maty Bela, dia nanjaka teo amin'ny toerany i Jobaba zanakalahin'i Zera, avy any Bozra.
[34]Rehefa maty Jobaba, dia nandimby ny toerany i Hosama izay avy amin'ny tanin'ireo Temanita. [35]Rehefa maty Hosama, dia nandimby ny toerany i Hadada zanakalahin'i Bedada ilay nandresy an'ireo Midianita tany amin'ny tany Moaba. Avita no anaran'ilay tanànany. [36]Rehefa maty Hadada, dia nandimby ny toerany i Samla avy any Masreka.
[37]Rehefa maty Samla, dia nandimby ny toerany i Saoly avy any Rehobota izay eo akaikin'ny ony. [38]Rehefa maty Saoly, dia nandimby ny toerany i Bala-hanana ilay zanaka lahin'i Akbora. [39]Rehefa maty Bala-hanana ilay zanaka lahin'i Akbora, dia nandimby ny toerany i Hadara. Pao no anaran'ilay tanànany. Ny anaran'ny vadiny dia Mehetabela, ilay zanaka vavin'i Matreda, izay zafikelin'i Me-zahaba.
[40]Ireto no anaran'ireo lehiben'ireo foko avy amin'ny taranak'i Esao, araka ireo foko sy ny faritr'izy ireo, tamin'ny anaran'izy ireo: Timna, Alva, Jeteta, [41]Oholibama, Elaha, Pinona, [42]Kenaza, Temana, Mibzara, [43]Magdiela, Irama. Ireo no lehiben'ny fokon'i Edoma, araka ireo fonenany any amin'ny tany izay nananan'izy ireo. Esao izany, ilay rain'y Edomita.

37 [1]Nonina tany amin'ilay tany izay nitoeran'ny rainy i Jakoba, tao amin'ny tany Kanana. [2]Izao ny tranga mahakasika an'i Jakoba. Josefa, izay tovolahy fito ambin'ny folo taona, dia niambina ireo ondry aman'osy niaraka tamin'ireo rahalahiny. Izy dia niaraka tamin'ireo zanaka lahin'i Bila sy ireo zanaka lahin'i Zilpa, ireo vadin'ny rainy. Nanao tatitra ratsy momba azy ireo tamin'ny rainy i Josefa.
[3]Ary dia tian'i Israely mihoatra noho ireo zanany lahy hafa i Josefa noho izy zanakin'ny fahanterany. Nanjairany akanjo tsara tarehy izy. [4]Hitan'ireo rahalahiny fa tian'ny rainy mihoatra noho ireo rahalahiny rehetra izy. Nankahala azy izy ireo ary tsy niteny am-pitiavana taminy.
[5]Nahazo nofy i Josefa, ary notantarainy tamin'ireo rahalahiny izany. Vao maika nankahala azy izy ireo. [6]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Mba henoy anie izao nofiko izay nonofisiko izao.
[7]Indro, namehy amboaram-bary tany an-tsaha isika ary indro, niarina ny amboarako ka tafajoro tsara, ary indro, nilahatra nanodidina ny ahy kosa ireo amboaranareo ary niankohoka teo anatrehan'ny amboarako." [8]Hoy ireo rahalahiny taminy hoe: "Dia hanjaka aminay tokoa ve ianao? Hanapaka anay tokoa ve ianao?" Vao maika izy ireo nankahala azy noho ireo nofiny sy ireo teniny.
[9]Dia mbola nanofy hafa indray izy ka nambarany tamin'ireo rahalahiny. Hoy izy hoe: "Mbola nahazo nofy hafa indray aho: Niankohoka teo anatrehako ny masoandro sy ny volana ary ny kintana iraika ambin'ny folo." [10]Notantarainy tamin-drainy izany toy ny nataony tamin'ireo rahalahany, ka notenenin-drainy mafy izy. Hoy izy taminy hoe: "Inona izany azonao nofy izany? Dia hiankohoka amin'ny tany eo anatrehanao tokoa ve izaho sy ny reninao ary ireo rahalahinao?"
[11]Nialona azy ireo rahalahany, fa ny rainy kosa nitadidy izany zavatra izany tao an-tsainy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Nandeha niandry ireo ondry aman'osin-drainy tany Sekema ireo rahalahiny. [13]Hoy Israely tamin'i Josefa hoe: "Moa tsy lasa niandry ireo ondry aman'osy any Sekema ve ireo rahalahinao? Avia, fa hirahiko ho any amin'izy ireo ianao." Hoy Josefa taminy hoe: "Vonona aho." [14]Hoy izy taminy hoe: "Mandehana, ndeha zahao raha salama ireo rahalahinao sy ireo ondry aman'osy, ary tatero aty amiko." Ary dia navoakan'i Jakoba nihoatra ny lohasahan'i Hebrona izy, ary Josefa nankany Sekema.
[15]Ary nisy lehilahy iray nahita an'i Josefa. Indro, i Josefa nirenireny teny an-tsaha. Nanontany azy ilay lehilahy hoe: "Inona no tadiavinao?" [16]Hoy Josefa hoe: "Mitady ireo rahalahiko aho. Miangavy, mba lazao ahy re, aiza izy ireo no miandry ireo ondry aman'osy." [17]Hoy ilay lehilahy hoe: "Efa nandao ity toerana ity izy ireo, ary reko izy ireo niteny hoe: 'Andeha isika ho any Dotana.'" Nanaraka ny dian'ireo rahalahany i Josefa ka nahita azy ireo tany Dotana.
[18]Tazan'izy ireo avy lavitra izy, ary talohan'ny nahatongavany teo akaikin'izy ireo, dia nanao tetika hamonoana azy izy ireo. [19]Nifampiresaka ireo rahalahany hoe: "Jereo, tamy ilay mpanonofy. [20]Avia ankehitriny, andeha ho vonointsika izy ka hatsipintsika ao amin'iray amin'ireo lavaka. Ho lazaintsika hoe: 'Narapakin'ny bibidia izy.' Dia ho hitantsika eo izay hiafaran'ireo nofiny."
[21]Nandre izany Robena ka namonjy azy teo am-pelan-tanan'izy ireo. Hoy izy hoe: "Aleo tsy esorintsika ny ainy." [22]Hoy Robena tamin'izy ireo hoe: "Aza mandatsa-drà. Atsipazo any amin'ny lavaka izay an'efitra izy, fa aza mikasi-tanana azy"—mba hafahany manavotra azy eo an-tanan'izy ireo ka hitondra azy miverina any amin-drainy.
[23]Ary rehefa tonga teo amin'ireo rahalahiny Josefa, dia nendahan'izy ireo taminy ilay akanjo tsara tarehy. [24]Noraisin' izy ireo izy ary natsipiny tao anaty lavaka. Foana ilay lavaka ary tsy nisy rano tao anatiny.
[25]Nipetraka izy ireo mba hihinana mofo. Nanandratra ny masony izy ireo ka nijery, indreny, nisy Ismaelita niara-dia avy tany Gileada, niaraka tamin'ny ramevan'izy ireo izay nitondra hanitra, sy balsama ary miora. Nandeha izy ireo mba hitondra izany hidina ho any Egypta. [26]Hoy Joda tamin'ireo rahalahiny hoe: "Inona no tombotsoa ho azontsika raha mamono ny rahalahintsika sy manafina ny ràny isika?
[27]Ndeha, ary aoka hamidintsika amin'ireo Ismaelita izy ary aoka tsy hisy hikasi-tanana azy isika. Satria rahalahintsika izy, nofontsika izy." Nihaino azy ireo rahalahiny. [28]Nandalo ireo Midianita mpivaro-mandeha. Nosintomin'ireo rahalahiny ary nankariny avy tao an-davaka i Josefa. Namidin'izy ireo farantsa volafotsy roapolo tamin'ireo Ismaelita i Josefa. Dia nentin'ireo Ismaelita tany Egypta i Josefa.
[29]Niverina teo amin'ilay lavaka Robena, ary, indro, tsy tao anaty lavaka i Josefa. Norovitiny ny fitafiany. [30]Niverina tany amin'ireo rahalahiny izy ary niteny hoe: "Tsy ao ilay zazalahy! Aiza no tany halehako?"
[31]Namono osy iray izy ireo ary naka ny akanjon'i Josefa ka nanatsoboka izany tao amin'ilay rà. [32]Ary dia nentin'izy ireo tany amin'ny rainy izany ary hoy izy ireo hoe: "Hitanay ity. Mba jereo raha akanjon'ny zanakao ity na tsia." [33]Fantatr'i Jakoba izany ary hoy izy hoe: "Akanjon'ny zanako ity. Narapaky ny bibidia izy. Tena rotidrotika tokoa Josefa."
[34]Nandrovitra ny fitafiany Jakoba ary nisikina lamba fisaonana teo am-balahany. Nisaona ny zanany nandritry ny andro maro izy. [35]Nitsangana nampionona azy avokoa ny zanany lahy sy ny zanany vavy rehetra, fa tsy nety nampiononina izy. Hoy izy hoe: "Hidina ho any amin'ny fiainan-tsi-hita tokoa aho hisaona ny zanako lahy." Nitomany azy ny rainy.
[36]Namidin'ireo Midianita tany Egypta tamin'i Potifara izy, tandapan'i Farao, ilay lehiben'ny mpiambina.

38 [1]Ary tamin'izany andro izany dia nandao ireo rahalahiny i Joda ary niara-nipetraka tamina Adolamita, izay nantsoina hoe Hira. [2]Tany no nihaonany tamin'ny zanaka vavin'ny lehilahy Kananita izay nantsoina hoe Soa. Nanambady azy izy ary niara-nandry taminy.
[3]Nanan'anaka izy ary nahazo zazalahy. Era no niantsoana azy. [4]Nanan'anaka indray izy ary nahazo zazalahy. Nantsoiny hoe Onana. [5]Ary mbola nahazo zazalahy indray izy ary nantsoiny hoe Sela. Tany Keziba no niterahany azy.
[6]Joda nahita vady ho an'i Era, lahimatoany. Tamara no anarany. [7]Era zanaka lahimatoan'i Joda dia ratsy teo imason'i Yaveh. Novonoin'i Yaveh izy.
[8]Hoy Joda tamin'i Onana hoe: "Mandria miaraka amin'ny vadin'ny rahalahinao. Ataovy aminy ny adidy amin'ny maha-zaodahy anao, ary manangàna zanaka ho an'ny rahalahinao." [9]Ary fantatr'i Onana fa ny zaza dia tsy ho azy. Ka isaky ny niara-nandry tamin'ny vadin-drahalahiny izy, dia nararany tamin'ny tany ny tsirin'ainy mba tsy hananany zaza ho an'ny rahalahiny. [10]Ratsy ny nataony teo imason'i Yaveh. Novonoin'i Yaveh ihany koa izy.
[11]Ary hoy Joda tamin'i Tamara, vinanto vaviny hoe: "Aoka ianao hijanona mpitondratena ao an-tranon-drainao mandra-pahalehibe an'i Sela, zanako lahy." Satria natahotra izy hoe: "Sao ho faty tahaka ireo rahalahiny ihany koa izy." Lasa Tamara ary nipetraka tao an-tranon'ny rainy.
[12]Fotoana maro taty aoriana, dia maty ny vadin'i Joda, zanaka vavin'i Soa. Efa nionona i Joda ary niakatra tany amin'ny mpanety ny ondriny tany Timna, izy sy Hira ilay Adolamita namany. [13]Nisy nilaza tamin'i Tamara hoe: "Indro, ny rafozanao fa miakatra any Timna hanety ny ondriny." [14]Nesoriny ny akanjo maha-mpitondratena azy dia norakofany ny voaliny ary nosaronany ny tenany. Nipetraka teo am-bavahadin'i Enaima, izay teo akaikin'ny lalana mankany Timna izy. Satria efa hitany fa efa lehibe i Sela kanefa tsy mba natolotra ho vadiny izy.
[15]Rehefa nahita azy i Joda dia nihevitra fa mpivaro-tena izy satria nosaronany ny tarehiny. [16]Nanatona azy teny an-dalana izy ary niteny hoe: "Avia, aleo aho mba hiara-mandry aminao" —satria tsy fantany hoe vinantovaviny izy—ary hoy izy hoe: "Inona no homenao ahy dia afaka miara-mandry amiko ianao?"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Hoy izy hoe: "Hanaterako zanak'osy amin'ireo ondry aman'osy ianao." Hoy izy hoe: "Hanome antoka ahy ve ianao mandra-panateranao izany?" [18]Hoy izy hoe: "Inona no antoka azoko omena anao?" Namaly izy hoe: "Fanombohan-kase sy ny kofehinao, ary iny tehina eny an-tananao iny." Nomeny azy ireo ary niara-nandry taminy izy, ka dia nitoe-jaza taminy izy.
[19]Nitsangana izy ary niala teo. Nesoriny ny voaliny ary nampidiriny ny lamba maha mpitondratena azy. [20]Nampanaterin'i Joda an'ilay Adolamita namany ny zanak'osy tamin'ireo ondry aman'osy mba hahazoany ilay antoka teny an-tanan-dravehivavy, kanefa tsy nahita azy izy.
[21]Avy eo dia nanontany ireo lehilahy nonina teo an-toerana ilay Adolamita hoe: "Aiza ilay mpivarotena teto amin'ny lalan'i Enaima?" Hoy izy ireo hoe: "Tsy nisy mpivaro-tena teto." [22]Dia niverina tany amin'i Joda izy ary hoy izy hoe: "Tsy nahita azy aho. Ary hoy koa ireo lehilahy teo an-toerana hoe: 'Tsy nisy mpivaro-tena teto" [23]Hoy i Joda hoe: "Aleo ho tazominy any ireny zavatra ireny, mba tsy hanala baraka antsika. Efa nampanatitra zanak'osy tokoa aho, kanefa ianao tsy nahita azy."
[24]Ary rehefa afaka telo volana teo dia nisy nilaza tamin'i Joda hoe: "Nivarotena i Tamara vinantovavinao, ary efa mitoe-jaza noho izany tokoa izy." Hoy Joda hoe: "Ento aty izy ary aoka ho dorana." [25]Ary rehefa navoaka izy dia nampita hafatra tany amin'ny rafozany hoe: "Avy amin'ny lehilahy tompon'ireto no nampitoe-jaza ahy." Hoy izy hoe: "Mba fantaro re hoe an'iza ireto fanombohan-kase sy kofehy ary tehina ireto." [26]Ary fantatr'i Joda ireo zavatra ireo ka hoy izy hoe: "Marina mihoatra ahy izy, satria izy dia tsy natolotro ho vadin'i Sela zanako." Ary tsy niara-nandry taminy intsony izy.
[27]Ary tamin'izany andro izany dia teraka izy, indro, kambana no tao an-kibony. [28]Ary raha teo am-piterahana dia nipoitra ny tanan'ny iray tamin'ireo zaza, ary naka kofehy mena ilay mpampivelona ka nataony voina tamin'ny tanany ary hoy izy hoe: "Ity no teraka voalohany."
[29]Ary avy eo dia nahemony ny tanany, ary indro, ny rahalahiny nivoaka voalohany. Hoy ilay mpampivelona hoe: "Tamin'ny fomba ahoana no nahatafavoaka anao!" Koa dia nantsoina hoe Fareza izy. [30]Ary nivoaka indray ilay rahalahiny, izay nisy an'ilay kofehy mena tamin'ny tanany ka nantsoina hoe Zera izy.

39 [1]Nentina nidina tany Egypta i Josefa. Potifara, manam-pahefana an'i Farao izay kapitenin'ny mpiambina sy Egyptiana, no nividy azy tamin'ireo Ismaelita, izay nitondra azy nidina tany. [2]Nomba an'i Josefa i Yaveh ka tonga lehilahy ambinina izy. Nipetraka tao amin'ny tranon'ny Egyptiana tompony izy.
[3]Ny tompony dia nahita fa nomba azy Yaveh ary nampiroborobo ny zavatra rehetra izay nataony. [4]Dia nahita sitraka teo imasony i Josefa. Ary nanompo an'i Potifara izy. Nataon'i Potifara ho mpitantana ny tranony i Josefa, ary izay rehetra nananany, dia nataony teo ambany fiahiany.
[5]Ary nanomboka tamin'ny fotoana izay nampitantanany azy ny tranony sy izay rehetra nananany, dia notahian'i Yaveh ny tranon'ilay Egyptiana noho i Josefa. Ny fitahian'i Yaveh dia tao amin'ny zavatra rehetra izay nananan'i Potifara tao an-trano sy tany an-tsaha. [6]Napetrak'i Potifara teo ambany fiahian'i Josefa izay rehetra nananany. Tsy nila nieritreritra na inona na inona afa-tsy ny sakafo ho haniny izy. Ary Josefa dia tsara tarehy sady mahasarika.
[7]Ary tao aorian'izay dia nitsiririritra an'i Josefa ny vadin'ny tompony. Hoy izy hoe: "Mandria miaraka amiko." [8]Fa nandà izy ka niteny tamin'ny vadin'ny tompony hoe: "Indro, ny tompoko tsy miraharaha izay zavatra ataoko ato an-trano, ary nametraka tamiko ny zavatra rehetra izay azy eo ambany fiahiako izy. [9]Tsy misy lehibe noho izaho ato amin'ity trano ity. Tsy nandrara na inona na inona tamiko afa-tsy ianao izy, satria vadiny ianao. Dia ahoana no ahafahako manao izany faharatsiana lehibe sy fahotàna manohitra an'Andriamanitra izany?"
[10]Niteny tamin'i Josefa isan'andro isan'andro izy, saingy nandà tsy hiara-handry aminy na hiaraka aminy izy. [11]Ary indray andro dia niditra tao an-trano hanao ny asany izy. Tsy nisy tamin'ireo lehilahy ao an-trano nijanona tao. [12]Nisambotra azy tamin'ny akanjony izy ary niteny hoe: "Mandria miaraka amiko." Navelany teo an-tanany ny akanjony, ka nandositra, ary nivoaka tany ivelany izy.
[13]Ary rehefa hitany fa navelany teo an-tanany ny akanjony ary nandositra nivoaka tany ivelany izy, [14]dia nantsoiny ireo olona tao an-tranony ary nilazany hoe: "Jereo, Potifara nampiditra Hebreo mba hisangy antsika. Niditra tao amiko izy mba hiara-handry amiko, dia nihiakiaka aho. [15]Ary rehefa reny nihiakiaka aho, dia navelany teto amiko ny akanjony, ka nandositra, ary nivoaka tany ivelany izy."
[16]Napetrany teo akaikiny ilay akanjon'i Josefa mandra-pahatonga ny tompony tao an-trano. [17]Niteny taminy izao fanazavana izao izy hoe: "Ilay mpanompo Hebreo izay nentinao ho antsika, dia niditra tato haniratsira ahy. [18]Ary rehefa nihiakiaka aho, dia navelany teto amiko ny akanjony ka nandositra tany ivelany izy."
[19]Ary rehefa henon'ny tompony ny fanazavana notenenin'ny vadiny taminy hoe: "Izany no nataon'ny mpanomponao tamiko," dia tezitra mafy izy. [20]Naka azy ny tompon'i Josefa ka nametraka azy tany am-ponja, toerana izay nitazomana ireo voafonjan'ny mpanjaka. Dia tao an-tranomaizina izy.
[21]Fa Yaveh nomba an'i Josefa ka naneho ny tsy fivadiham-panekena taminy. Nampahita fitia azy teo imason'ny mpiambina ny fonja Izy. [22]Nampandray an-tanana an'i Josefa ny voafonja rehetra izay tao an-tranomaizina ilay mpiambina ny fonja. Na inona na inona nataon'izy ireo tao, dia nandray an-tanana izany Josefa. [23]Ny mpiambina ny fonja dia tsy nanahy ny zavatra rehetra izay teo an-tanany, satria nomba azy Yaveh. Izay rehetra nataony, dia nambinin'i Yaveh.

40 [1]Ary taorian'izany zavatra rehetra izany, dia nanafintohina ny tompon'izy ireo, ilay mpanjakan'i Egypta, ny mpitondra kapoakan'ny mpanjaka sy ny mpanao mofony. [2]Tezitra tamin'ireo manam-pahefany roa lahy i Farao, dia ny lehiben'ny mpitondra kapoaka sy ny lehiben'ny mpanao mofo. [3]Nogadrainy tao an-tranon'ny lehiben'ny mpiambina izy ireo, tao amin'ilay fonja izay nihazonana an'i Josefa ihany.
[4]Nanendry an'i Josefa ny lehiben'ny mpiambina mba ho mpanompon'izy ireo. Ary izy ireo nitoetra nandritry ny fotoana maharitra tany am-ponja. [5]Samy nanonofy izy ireo—ilay mpitondra kapoaka sy mpanao mofon'ny mpanjakan'ny Egypta izay nohazonina tao amin'ny fonja—dia samy nanana ny nofiny avy izy roa lahy tamin'io alina io, ary ny nofy tsirairay dia samy nanana ny heviny manokana.
[6]Tonga maraina tao amin'izy ireo i Josefa ary nahita azy ireo. Indro, nalahelo izy ireo. [7]Nangataka tamin'ireo tandapan'i Farao izay niaraka taminy tao am-ponja tao an-tranon'ny tompony izy, nanao hoe: "Nahoana ianareo no toa malahelo izao?" [8]Hoy izy ireo taminy hoe: "Nanofy izahay roa lahy ary tsy misy afaka ny hilaza ny hevitr'izany." Hoy Josefa tamin'izy ireo hoe: "Tsy avy amin'Andriamanitra ve ny fanomezana dika izany? Mba lazao ahy re."
[9]Dia nilaza ny nofiny tamin'i Josefa ilay lehiben'ny mpitondra kapoaka. Hoy izy taminy hoe: "Tao anatin'ny nofiko, dia indro, nisy voaloboka teo anoloako. [10]Nisy sampana telo tamin'ilay voaloboka. Raha nitsimoka izany, dia namony ny voniny ary masaka ireo sampam-boaloboka. [11]Teo an-tanako ny kapoakan'i Farao. Nalaiko ireo voaloboka ka nofihazako tao anatin'ny kapoakan'i Farao ireo, ary napetrako teo an-tanan'i Farao izany."
[12]Niteny taminy Josefa hoe: "Ity no hevitr'izany. Ny sampam-boaloboka telo dia mira hateloana. [13]Ao anatin'ny hateloana i Farao no hampitraka ny lohanao ary hamerina anao amin'ny asanao. Hametraka ny kapoakan'i Farao eo an-tanany ianao, toy ny tamin'ny naha-pitondra ny kapoakany anao.
[14]Fa tsarovy aho rehefa milamina ny aminao, ary mba manehoa hatsaram-panahy amiko. Resaho any amin'i Farao aho ary esory ato amin'ity fonja ity. [15]Fa nalaina an-keriny tamin'ny tany Hebreo tokoa aho. Eto ihany koa dia tsy nisy zavatra nataoko izay tokony nametrahan'izy ireo ahy ato amin'ity fonja ity."
[16]Rehefa hitan'ny lehiben'ny mpanao mofo fa tsara ny hevitr'izany, dia hoy izy tamin'i Josefa hoe: "Nanofy ihany koa aho, ary, indro, nisy harona telo nisy mofo teo an-dohako. [17]Teo amin'ny harona ambony indrindra dia nisy ireo karazan-javatra maro natao mofo ho an'i Farao, kanefa nohanin'ireo vorona avy tao amin'ny harona teo ambony lohako izany.
[18]Namaly Josefa ary nanao hoe: "Izao no hevitr'izany. Ny harona anaky telo dia mira hateloana. [19]Anatin'ny hateloana no hanalan'i Farao ny lohanao ary hanantonany anao eo ambony hazo. Ary hihinana ny nofonao ireo vorona."
[20]Ary tamin'ny andro fahatelo ny fitsingerenan'ny andro nahaterahan'i Farao. Nanao fanasana ho an'ny mpanompony rehetra izy. "Nasandrany" ny lohan'ilay lehiben'ny mpitondra kapoaka sy ny lohan'ilay lehiben'ny mpanao mofo, teo amin'ireo mpanompony. [21]Naveriny tamin'ny andraikiny ny lehiben'ny mpitondra kapoaka, ary nametraka ilay kapoaka teo an-tanan'i Farao indray izy. [22]Fa nahantony kosa ny lehiben'ny mpanao mofo, arak'izay nolazain'i Josefa tamin'izy ireo.
[23]Kanefa tsy mbola nahatsiaro an'i Josefa ilay lehiben'ny mpitondra kapoaka, fa adinony aza ny momba azy.

41 [1]Ary rehefa afaka roa taona naninjitra dia nanana nofy iray Farao. Raha nitsangana teo amin'i Neily izy. [2]Dia indro, nisy omby vavy fito nivoaka avy tao amin'i Neily, mampitsiriritra sy matavy, ary niraoka vilona teo amin'ny sisiny ireo. [3]Indro, nisy omby vavy fito hafa nivoaka avy tao amin'i Neily taorian'ireo, tsy maha te-ho tia sy mahia. Nankeo akaikin'ireo omby vavy hafa teo amoron'ny renirano ireo.
[4]Avy eo ireo omby vavy marary sy mahia nihinana ireo omby vavy mampitsiriritra sy matavy fito. Avy eo nifoha i Farao.
[5]Natory indray izy ary nanofy fanindroany. Indro, nisy salohim-bary fito nitsiry avy tamin'ny taho iray, vokatra be sy tsara. [6]Indro, nisy salohim-bary fito hafa, manify ary main'ny rivotra antsinanana, nitsimoka taorian'ireo.
[7]Nitelina ireo salohy fito vokatra be sy tsara ireo salohy manify. Taitra Farao, ary, indro, nofy izany. [8]Ary tonga ny maraina ka nihorohoro ny fanahiny. Naniraka ka nampiantso ireo mpahay ody sy olon-kendrin'i Egypta rehetra izy. Nolazain'i Farao tamin'izy ireo ny nofiny, fa tsy nisy iray tamin'izy ireo afaka nanazava izany tamin'i Farao.
[9]Ary ny lehiben'ny mpitondra kapoaka niteny tamin'i Farao hoe: "Izao aho vao miheritreritra ireo fahotako. [10]Tezitra tamin'ireo mpanompony i Farao, ka nandefa ahy tany an-tranomaizina tao an-tranon'ny kapitenin'ny mpiambina, izaho sy ilay lehiben'ny mpanao mofo. [11]Niara-nanofy izahay tamin'io alina io, izaho sy izy. Samy nanana ny nofiny araka ny dikany avy izahay.
[12]Nisy tovolahy Hebreo niaraka taminay tao, mpanompon'ilay kapitenin'ny mpiambina. Nolazainay azy ary nandika ny hevitr'ireo nofinay taminay izy. Nandika tamin'ny tsirairay taminay araka ny nofiny avy izy. [13]Ary raha nandika ny hevitr'ireo nofinay taminay izy, dia niseho izany. Naverin'i Farao tamin'ny toerana nisy ahy aho, fa ilay iray hafa nahantony."
[14]Avy eo Farao naniraka ka nampiantso an'i Josefa. Navoakan'izy ireo faingana tao an-tranomaizina izy. Niaratra izy, nisolo akanjo, ary nankany amin'i Farao. [15]Hoy Farao tamin'i Josefa hoe: "Nanofy aho, fa tsy misy afaka manazava izany. Fa nandre momba anao aho, fa rehefa mahare nofy ianao dia afaka manazava izany. [16]Namaly an'i Farao i Josefa, nanao hoe: "Tsy ato amiko izany. Andriamanitra no hamaly an'i Farao araka izay sitrany."
[17]Hoy Farao tamin'i Josefa hoe: "Tao amin'ny nofiko, dia indro, nitsangana teo amin'ny sisin'i Neily aho. [18]Indro, nisy omby vavy fito nivoaka avy tao amin'i Neily, matavy sy mampitsiriritra, ary niraoka bozaka teo amin'ny sisiny ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[19]Indro, nisy omby vavy fito hafa nivoaka tao aorian'izy ireo, tsy maha-te-ho tia, ary mahia. Tsy mbola nahitana faharatsiana tahaka izany mihitsy aho nanerana ny tanin'i Egypta manontolo. [20]Ireo mahia sy omby vavy ratsy no nihinana ireo omby vavy matavy voalohany. [21]Rehefa lanin'izy ireo izany, dia tsy nisy nahafantatra akory hoe nohanin'izy ireo izany, satria mbola ratsy toy ny teo aloha ihany izy ireo. Avy eo dia nifoha aho.
[22]Niverina nanofy indray aho, ary, indro, nisy salohim-bary fito nitsimoka tamin'ny taho iray, vokatra be ary tsara. [23]Indro, nisy salohim-bary fito hafa, malazo, manify sy main'ny rivotra atsinanana, nitsimoka taorian'ireo. [24]Nitelina ireo salohim-bary fito tsara ireo salohim-bary manify. Nolazaiko tamin'ireo mpahay ody izany, fa tsy nisy tamin'izy ireo afaka nanazava izany tamiko."
[25]Hoy Josefa tamin'i Farao hoe: "Mitovy ireo nofin'i Farao ireo. Izay ho ataon'Andriamanitra, dia nambarany tamin'i Farao.
[26]Ireo omby vavy fito tsara dia ny fito taona, ary ny salohim-bary fito dia ny fito taona. Mitovy ireo nofy ireo.
[27]Ireo omby vavy fito mahia sy tsy maha-te-hotia izay tonga taorian'izy ireo dia taona fito, ary ireo salohim-bary manify fito main'ny rivotra atsinanana ihany koa dia taona fiton'ny mosary. [28]Izany no zavatra izay nolazaiko tamin'i Farao. Izay ho ataon'Andriamanitra dia nambarany tamin'i Farao. [29]Indro, fito taonan'ny fitobahana no ho tonga manerana ny tanin'i Egypta rehetra.
[30]Fito taonan'ny mosary no ho avy manaraka izany, ary ny fitobahana rehetra dia ho adino ao amin'ny tany Egypta, ary handringana ny tany ny mosary. [31]Ho adino ao amin'ilay faritra ny fitobahana nohon'ny mosary izay manaraka izany, dia hasiaka tokoa. [32]Naverimberina tamin'i Farao izany nofy izany satria izany tranga izany dia efa novolavolain'Andriamanitra, ary hanao izany tsy ho ela Andriamanitra.
[33]Ary aoka Farao hitady olona manan-tsaina sy hendry, ka hametraka azy amin'ny tany Egypta. [34]Aoka Farao hanao izao: aoka izy hanendry mpiandraikitra ny tany. Aoka izy ireo haka ny ampahadimin'ny vokatr'i Egypta amin'ny taona fiton'ny fitobahana.
[35]Aoka izy ireo hanangona ny sakafo rehetra amin'io taona tsara izay ho avy io ka hitahiry ny vokatra eo ambany fahefan'i Farao, mba ho sakafo ho an'ireo mponina. Tokony arovan'izy ireo izany. [36]Ny sakafo dia ho famatsiana ho an'ny tany amin'ny fito taonan'ny mosary izay ho ao amin'ny tany Egypta. Amin'izany fomba izany ny tany dia tsy ho ringan'ny mosary.
[37]Tsara teo imason'i Farao sy teo imason'ireo mpanompony rehetra izany hevitra izany. [38]Hoy Farao tamin'ireo mpanompony rehetra hoe: "Afaka mahita olona tahaka izany ve isika, izay ao aminy ny Fanahin'Andriamanitra?"
[39]Ka hoy Farao tamin'i Josefa hoe: "Satria Andriamanitra nampiseho anao izany rehetra izany, dia tsy misy hafa misaina lalina sy hendry tahaka anao. [40]Hitantana ny tranoko ianao, ary araka ny teninao no hanapahana ny vahoakako rehetra. Eo amin'ny seza fiandrianana ihany aho no ho ambony noho ianao. [41]Hoy Farao tamin'i Josefa hoe: "Indro, apetrako aminao ny tanin'i Egypta rehetra."
[42]Nalan'i Farao tamin'ny tanany ny peratra misy ny tombo-kaseny ary natsofony tamin'ny tanan'i Josefa. Nampiankanjoany lamba rongony manify izy, ary nasiany rojo volamena ny vozony. [43]Nampitaingenana teo amin'ny kalesy faharoa izay azy izy. Nihiakiaka nanoloana azy ny olona hoe: "Mandohaliha." Nataon'i Farao nanapaka teo amin'ny tanin'i Egypta rehetra izy.
[44]Hoy Farao tamin'i Josefa hoe: "Izaho no Farao, ary ankoatra anao, dia tsy misy olona hanandratra ny tanany na ny tongony amin'ny tanin'i Egypta rehetra. [45]Niantso ny anaran'i Josefa hoe: "Zafenata Panea" i Farao. Nomeny ho vadiny i Asenata, ilay zanaka vavin'i Potifera mpisoron'i Ona. Namakivaky ny tanin'i Egypta rehetra i Josefa.
[46]Telopolo taona Josefa raha nitsangana teo anatrehan'i Farao izy, ilay mpanjakan'i Egypta. Niala teo amin'ny fanatrehan'i Farao izy, ary namakivaky ny tanin'i Egypta rehetra. [47]Nandritry ny fito taona zina dia namokatra be ny tany.
[48]Nangoniny avokoa ny sakafo rehetra nandritry ny fito taona izay tao amin'ny tany Egypta ary napetrany tany amin'ireo tanàn-dehibe. Napetrany isaky ny tanàna ny sakafo izay avy amin'ny saha manodidina izany. [49]Nangonin'i Josefa tahaka ny fasiky ny ranomasina ny voa, betsaka loatra ka nitsahatra nanisa izy, satria tsy hita isa izany.
[50]Tao alohan'ny nahatongavan'ny taonan'ny mosary, dia nanana zanaka roa lahy, tamin'i Asenata, zanaka vavin'i Potifera mpisorona tao Ona, i Josefa. [51]Nantsoin'i Josefa hoe Manase ny lahimatoany, satria hoy izy hoe: "Andriamanitra nampanadino ahy ny olana rehetra sy ny ankohonan'ny raiko rehetra." [52]Nantsoiny hoe Efraima ny zanaka lahiny faharoa, satria hoy izy hoe: "Andriamanitra nahamaro ahy teo amin'ny tanin'ny fahoriako."
[53]Andalam-pifaranana ireo fito taonan'ny fahabetsahana tao amin'ny tany Egypta. [54]Nanomboka ny fito taonan'ny mosary, araka ny nolazain'i Josefa. Nisy mosary teo amin'ny tany rehetra, kanefa nisy sakafo kosa teo amin'ny tanin'i Egypta rehetra.
[55]Rehefa tao anatin'ny mosary ny tany rehetra tao Egypta, dia niantsoantso sakafo tamin'i Farao ny vahoaka. Hoy Farao tamin'ireo Egyptiana rehetra hoe: "Mankanesa any amin'i Josefa ary ataovy izay lazainy anareo." [56]Nanerana ny faritriny ny tany iray manontolo ny mosary. Nanokatra ny trano fitehirizana rehetra Josefa ary nivarotra tamin'ireo Egyptiana. Mafy tokoa ny mosary tao amin'ny tanin'i Egypta. [57]Tonga tao Egypta avokoa ireo firenena rehetra mba hividy vary amin'i Josefa, satria efa mafy ny mosary tany amin'ny tany rehetra.

42 [1]Ary fantatr'i Jakoba fa nisy vary tany Egypta. Niteny tamin'ireo zanany lahy izy hoe: "Nahoana no mifampijery ianareo?" [2]Hoy izy hoe: "Indro, reko fa misy vary any Egypta. Midìna any ary mividiana any ho antsika mba

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hahavelona antsika fa tsy ho faty.[3]Nandeha nidina ireo rahalahin'i Josefa folo mba hividy vary any Egypta. [4]Fa Benjamina, rahalahin'i Josefa, tsy nalefan'i Jakoba niaraka tamin'ireo rahalahiny, satria natahotra izy sao hisy loza mety hanjo azy.
[5]Tonga ireo zanaka lahin'Israely mba hividy niaraka tamin'ireo izay tonga, fa nisy mosary tany amin'ny tany Kanàna. Ary Josefa no mpanapaka amin'ilay tany. [6]Izy ihany no nivarotra ho an'ireo vahoaky ny tany rehetra. Tonga ary nampiankohoka ny tavan'izy ireo tamin'ny tany teo aminy ireo rahalahin'i Josefa.
[7]Nahita ireo rahalahiny i Josefa ary nahalala azy ireo, nefa nanova ny endriny tamin'izy ireo izy ary niteny mafy tamin'izy ireo. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Avy aiza ianareo?" Hoy izy ireo hoe: "Avy any amin'ny tany Kanàna mba hividy hanina." [8]Fantatr'i Josefa ireo rahalahiny, fa izy ireo tsy nahalala azy.
[9]Dia tsaroan'i Josefa ilay nofy azony nahakasika azy ireo, dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Mpitsikilo ianareo! Tonga mba hizaha ireo faritra tsy mbola voaaro eto amin'ny tany ianareo." [10]Hoy izy ireo taminy hoe: "Tsia, tompoko. Tonga mba hividy hanina ireto mpanomponao. [11]Zanaky ny lehilahy iray izahay rehetra. Lehilahy marina izahay. Tsy mpitsikilo ireto mpanomponao."
[12]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Tsia, tonga mba hizaha ireo faritra mbola tsy voaaro eto amin'ny tany ianareo." [13]Hoy izy ireo hoe: "Roa ambin'ny folo mirahalahy izahay mpanomponao, zanaky ny lehilahy iray any amin'ny tany Kanàna. Indro, ny faralahy dia any amin'ny rainay ankehitriny, ary ny rahalahy iray dia efa maty."
[14]Hoy Josefa tamin'izy ireo hoe: "Izao no nolazaiko anareo; mpitsikilo ianareo. [15]Amin'izao no hitsapana anareo. Raha velona koa Farao, dia tsy hiala eto ianareo, raha tsy tonga eto ny faralahy aminareo. [16]Iraho ny iray aminareo ary aoka izy haka ny rahalahinareo. Ary ianareo hijanona ao am-ponja, mba hahafahana mitsapa ny teninareo, raha misy fahamarinana ao aminareo." [17]Nalefany tany am-ponja izy rehetra nandritry ny telo andro.
[18]Ny andro fahatelo dia hoy Josefa tamin'izy ireo hoe: "Izao no ataovy mba ho velona, fa matahotra an'Andriamanitra aho.
[19]Raha olo-marina ianareo, aoka ny iray amin'ireo rahalahinareo tsy hiala ao amin'ny fonja, fa mandehana ianareo, mivimbìna vary ho amin'ny mosary amin'ny tranonareo. [20]Ento mankaty amiko ny faralahy aminareo hanamarinana ny teninareo sy tsy hahafaty anareo." Ary nataon'izy ireo izany.
[21]Nifampiresaka izy ireo hoe: "Meloka marina tokoa isika nohon'ny amin'ny rahalahintsika izay hitantsika ny fahorian'ny fanahiny raha niangavy antsika izy ary isika tsy nihaino azy. Koa noho izany no nahatonga izao fahoriana izao tamintsika." [22]Hoy Robena namaly azy ireo hoe: "Tsy efa nilaza taminareo ve aho hoe: 'Aza manota amin'ilay zazalahy,' nefa tsy nihaino ahy ianareo? Indro, izao takiana amintsika nyràny."
[23]Tsy fantatr'izy ireo fa nahafantatra ny fitenin'izy ireo i Josefa, satria nisy mpandika teny teo anelanelan'izy ireo.
[24]Nihodina niala tamin'izy ireo izy ka nitomany. Niverina nankeo amin'izy ireo indray izy ary niteny tamin'izy ireo. Nalainy teo amin'izy ireo i Simeona ary nafatony teo imason'izy ireo. [25]Avy eo nibaiko ny mpanompony i Josefa mba hameno vary ny kitapon'ireo rahalahiny, ary mba hamerina ny volan'ny lehilahy tsirairay tao amin'ny lasakany, ary hanome azy ireo vatsy ho amin'ny dia. Natao ho azy ireo izany.
[26]Nameno vary ny ampondrany ireo mpirahalahy ary dia niainga tany. [27]Raha nanokatra ny lasakany ny iray tamin'izy ireo mba hamahana ny ampondrany teo amin'ny toerana nandriany, dia nahita ny volany izy. Indro, teo ambavan'ny lasakany izany. [28]Hoy izy tamin'ireo rahalahiny hoe: "Naverina ny volako. Jereo; ao anaty lasakako izany." Nihontan'ny tahotra ny fon'izy ireo sady nifampitodika am-pangovitana, nanao hoe: "Inona re ity nataon'Andriamanitra tamintsika?"
[29]Nandeha tany amin'i Jakoba izy ireo, ny rain'izy ireo tany amin'ny tany kanàna ary nilaza taminy izay rehetra niseho tamin'izy ireo. Hoy izy ireo hoe: [30]"Ilay lehilahy, tompon'ny tany, dia niteny mahery anay ary nihevitra fa mpitsikilo tany amin'ilay tany izahay. [31]Hoy izahay taminy hoe: 'Olo-marina izahay. Ary tsy mpitsikilo akory. [32]Roa ambin'ny folo mirahalahy izahay, zanaky ny rainay. Efa maty ny iray, ary ny faralahy dia miaraka amin'ny rainay any amin'ny tany Kanàna ankehitriny.'
[33]Ilay lehilahy, tompon'ny tany, niteny taminay hoe: 'Izao no hahalalako fa olo-marina ianareo. Ajanony eto amiko ny iray amin'ireo rahalahinareo, mitondrà vary ho amin'ny mosary any amin'ny tranonareo, ary zory ny lalanareo. [34]Ento eto amiko ny faralahy aminareo. Dia ho fantatro fa tsy mpitsikilo ianareo, fa lehilahy marina. Dia havotsotro ho anareo ny rahalahinareo, dia hividy eto amin'ny tany ianareo.'"
[35]Ary rehefa nanafoana ny tao an-dasakany izy ireo, no indro, ny fonosam-bolafotsin'ny lehilahy tsirairay avy dia tao anatin'ny lasakany. Nony hitan'izy ireo sy ny rain'izy ireo ny fonosam-bolafotsiny, dia natahotra izy ireo. [36]Hoy Jakoba rain'izy ireo tamin'izy ireo hoe: "Efa nanaisotra ireo zanako tamiko ianareo. Josefa dia efa maty, i Simeona lasa, ary dia ho entinareo lavitra koa i Benjamina. Manohitra ahy avokoa ireo zavatra rehetra ireo."
[37]Niresaka tamin-drainy i Robena, nanao hoe: "Azonao vonoina ireo zanako roa lahy raha toa tsy mitondra an'i Benjamina miverina aminao aho. Apetraho eo an-tanako izy, dia hitondra azy aminao indray aho." [38]Hoy Jakoba hoe: "Tsy handeha hidina hiaraka aminareo izany ny zanako lahy. Fa efa maty ny rahalahiny ary izy irery sisa. Raha misy loza tonga aminy eny amin'ny lalana izay alehanareo, dia hitondra amin-kalahelo ny volo-fotsiko midina any amin'ny Fiainan-tsy hita ianareo."

43 [1]Nisy mosary nahery vaika teo amin'ilay tany. [2]Ary izao no nitranga rehefa lanin'izy ireo ny vary nentin'izy ireo avy tany Egypta, hoy ny rainy tamin'izy ireo hoe: "Mandehana indray; dia mividiana sakafo ho antsika."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Niteny azy Joda hoe: "Nampitandrina mafy anay ralehilahy hoe: 'Tsy hahita ny tavako ianareo raha tsy miaraka amin'ny rahalahinareo.' [4]Raha alefanao miaraka aminay ny ralahinay, dia andeha hidina sy hividy sakafo ho anao izahay. [5]Nefa raha tsy alefanao miaraka aminay izy, dia tsy handeha hidina izahay. Satria ralehilahy niteny taminay hoe: 'Tsy hahita ny tavako ianareo raha tsy miaraka amin'ny rahalahinareo.'"
[6]Hoy Israely hoe: "Nahoana ianareo no nampidi-doza ahy tamin'ny filazana ilay lehilahy fa manana rahalahy hafa ianareo?" Hoy izy ireo hoe: "Nanontany ny antsipirihany momba anay sy ny fianakavianay ralehilahy. [7]Hoy izy hoe: "Mbola velona ve rainareo? Mbola manana rahalahy hafa ve ianareo?' Dia novalianay araka ireo fanontaniany ireo izy. Ahoana no hahafantaranay fa hiteny izy hoe: "Ento midina ny rahalahinareo?'"
[8]Hoy Joda tamin'i Israely rainy hoe: "Alefaso miaraka amiko ny zazalahy. Hiainga ka handeha izahay mba ho velona fa tsy ho faty isika, dia izahay sy ianao sy ireo zanakay ihany koa. [9]Ho antoka ho azy aho. Hotazominao ho tompon'andraikitra aho. Raha tsy entiko miverina eo anoloanareo izy, dia aoka ho zakaiko mandrakizay ny tsiny. [10]Fa raha tsy tara izahay, dia tena efa niverina teto fanindroany izahay."
[11]Hoy Israely rainy tamin'izy ireo hoe: "Raha izany, dia ataovy izao. Ataovy ao amin'ny kitaponao ny sasany amin'ireo vokatry ny tany tsara indrindra. Midina ary mitondrà fanomezana ho an-dralehilahy: balsama sy tantely, zava-manitra sy miora, voanjo sy amandy. [12]Ataovy avo roa heny ny vola eo an-tananareo. Ny vola izay naverina tao amin'ny vavan'ny lasakanareo, dia ento miverina eny an-tananareo indray. Sao mantsy mba hadisoana ihany izany.
[13]Ento ihany koa ny rahalahinareo. Mitsangàna ary mandehana indray any amin-dralehilahy. [14]Andriamanitra Tsitoha anie hanome famindram-po anareo eo anatrehan-dralehilahy, mba hanafahany ilay rahalahinareo hafa sy Benjamina ho aminao. Raha misaona ireo zanako aho, dia misaona." [15]Nalain'ireo lehilahy niaraka tamin'i Benjamina ilay fanomezana, ary nitondra vola avo roa heny teny an-tanan'izy ireo. Lasa izy ireo ary niverina nidina tany Egypta ary niseho teo anoloan'i Josefa.
[16]Rehefa nahita an'i Bejamina niaraka tamin'izy ireo i Josefa, dia hoy izy tamin'ilay tompon'andraikitra mpampandroso tao an-tranony hoe: "Hampandrosoy ao an-trano ireo lehilahy, mamonoa biby iray ary karakarao izany, fa hiaraka hisako amiko izy ireo rehefa mitatao vovonana." [17]Nataon'ireo mpanompo izay nolazain'i Josefa. Noentiny tao an-tranon'i Josefa ireo lehilahy.
[18]Natahotra ireo lehilahy satria nentina tao an-tranon'i Josefa izy ireo. Hoy izy ireo hoe: "Noho ilay vola naverina tao anaty lasakantsika tamin'ny voalohany nampidirana antsika tato, mba hahafahany manararotra antsika. Mety hisambotra antsika sy hanandevo antsika izy ary haka ireo ampondrantsika." [19]Nanatona an'ilay mpanompon'i Josefa izy ireo, ary niresaka taminy teo am-baravarana, nanao hoe: [20]"Tompoko, tonga nidina taty izahay tamin'ny voalohany mba hividy sakafo.
[21]Ary nony tonga teo amin'ny toeram-pitsaharana izahay, ka nanokatra ireo lasakanay, dia indro, samy tao ambavan'ny lasakan'ireo lehilahy ny volany, tsisy nanimbinana ny volanay. Naverinay ary ety am-pelan-tananay izany. [22]Nitondra vola nidina hafa ihany koa izahay hividianana sakafo. Tsy fantatray izay namerina ny volanay tao anaty lasakanay." [23]Hoy ilay mpanompo hoe: "Fiadanana anie ho anareo, aza matahotra. Ny Andriamanitrareo sy ny Andriamanitry ny rainareo no nametraka ny volanareo tao anaty lasakanareo. Efa noraisiko ny volanareo."Dia nentin'ilay mpanompo teo amin'i Simeona izy ireo.
[24]Nampandroson'ilay mpanompo tao an-tranon'i Josefa ireo lehilahy. Nomeny rano izy ireo, ka nanasa ny tongony izy ireo. Ary nomeny sakafo ny ampondran'izy ireo.[25]Dia nanomana ireo fanomezana amin'ny fiavian'i Josefa amin'ny mitatao vovonana izy ireo, satria ren'izy ireo fa hisakafo ao iz.
[26]Nohon'ny tonga tao an-tranony i Josefa, dia nentin' izy ireo tao an-trano ny fanomezana teny an-tanan'izy ireo, ary niankohoka tamin'ny tany teo anoloany izy ireo. [27]Nanontany azy ireo momban'ny fahasalamany izy ireo izy, ka nanao hoe: "Salama ve ny rainareo, ilay lehilahy antitra noresahinareo iny? Mbola velona ve izy?"
[28]Hoy izy ireo hoe: "Salama ny mpanomponao izay rainay. Mbola velona izy. Niondrika sy nihankohoka izy ireo. [29]Raha nanopy ny masony izy dia naita an'i Bejamina rahalahiny, izay zanaky ny reniny, ary hoy izy hoe: "Inty ve ilay faralahinareo izay noresahinareo tamiko?" Dia hoy izy hoe: "Andriamanitra anie hitahy anao, ry zanako."
[30]Nivoaka haingana tao an'efitra i Josefa, satria nientanentana mafy noho ireo rahalahiny izy. Nitady toerana hitomaniana izy. Niditra tao an'efitrany izy ary nitomany tao. [31]Nosasany ny tavany dia nivoka izy. Nanindry fo izy, niteny hoe: "Arosoy ny sakafo."
[32]Nomen'ireo mpanompo an'i Josefa ny anjarany sy ny anjaran'ireo rahalahiny. Niara-nihinana taminy ireo Egyptiana tao satria ny Egyptiana tsy mahazo mihinana mofo miaraka amin'ny Hebreo, satria zavatra maharikoriko eo amin'ireo Egyptiana izany. [33]Nipetraka teo anoloany ireo rahalahy, ny lahimatoa araka ny fizokiany, ary ny zandriny indrindra araka ny hatanorany. Talanjona izy ireo lehilahy. [34]Nomen'i Josefa anjara tamin'ny sakafo teo anoloany izy ireo. Nefa ny anjaran'i Benjamina dia indimy mihoatra noho ny an'ireo rahalahiny. Nisotro izy ireo ary faly niaraka taminy.

44 [1]Nandidy ny mpikarakara ny tranony Josefa, nanao hoe: "Fenoy sakafo ny lasakan'ireo lehilahy ireo, araka izay zakan'izy ireo, ary apetraho ao anatin'ny lasakany ny volan'ireo lehilahy rehetra. [2]Apetraho ao amin'ny vava lasakan'ny zandriny indrindra, ny kapoakako, ilay kapoaka volafotsy, sy ny volany tamin'ny vary." Ary nataon'ilay mpikarakara izay nolazain'i Josefa.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Niposaka ny maraina, ary nalefa ireo lehilahy ireo, izy ireo sy ny borikiny. [4]Rehefa nivoaka ny tanàna izy ireo nefa mbola tsy lasa lavitra akory, dia nilaza tamin'ny mpikarakarany i Josefa hoe: "Mifohaza, manaraha ireo lehilahy ireo, ary rehefa tratranao izy ireo, dia lazao izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mamaly ratsy ny soa? [5]Moa ve tsy ilay kapoaka isotroan'ny tompoko ity, sy ilay kapoaka izay hampiasainy amin'ny faminaniany? Nanao ratsy ianareo, izany zavatra izay nataonareo izany.'"
[6]Nahatratra azy ireo ilay mpiandraikitra ny fampandrosoana ary niteny ireo teny ireo. [7]Izy ireo nilaza taminy hoe: "Nahoana no miteny toy ireo ny tompoko? Sanatria amin'ireo mpanomponao no hanaovan'izy ireo zavatra toy izany.
[8]Indro, ilay vola izay hitanay tao amin'ny vavan'ny lasakanay, nentinay niverina aty aminao indray avy amin'ny tany Kanana. Ahoana no afahanay mangalatra volafotsy na volamena ao amin'ny tranon'ny tomponao? [9]Izay ahitana an'izany amin'ireo mpanomponao, aoka izy ho faty, ary izahay ihany koa dia ho andevon'ny tompoko." [10]Ilay mpikarakara niteny hoe: "Aoka ary ho araka ny teninareo izany. Ilay iray izay hahitana ilay kaopy dia ho andevoko, ary ianareo hafa kosa dia ho afaka."
[11]Avy eo dia nandeha haingana ny lehilahy tsirairay ka nametraka ny lasakany tamin'ny tany, ary samy nanokatra ny lasakany avy. [12]Nitady ilay tompon'andraikitra amin'ny fampandrosoana. Natombony tamin'ny lehibe indrindra ary nofarananany tamin'ny tanora indrindra, ka hita tao amin'ny lasakan'i Benjamina ilay kapoaka. [13]Ary nandriatra ny akanjony izy ireo. Samy nitaingina ny ampondrany ny lehilahy tsirairay ary niverina tany amin'ilay tanàna.
[14]Nandeha tany amin'ny tranon'i Josefa i Joda sy ireo rahalahiny. Mbola tany izy, ka niankohoka teo anatrehany tamin'ny tany izy ireo. [15]Hoy Josefa tamin'izy ireo hoe: "Inona izao nataonareo izao? Moa ve tsy fantatrareo fa ny lehilahy tahaka ahy dia manao faminaniana?"
[16]Nilaza Joda hoe: "Inona no afaka lazainay amin'ny tompoko? Inona no azonay lazaina? Ahoana no afahanay manamarina ny tenanay? Hitan'Andriamanitra ny helok'ireo mpanomponao. Indro, andevon'ny tompoko izahay, izahay sy izy dia nahitana ny kapoaka teny an-tanany." [17]Hoy Josefa hoe: "Sanatria amiko ny tsy maintsy hanao izany. Ilay lehilahy izay nahitana ny kapoaka teny an-tanany, dia ho andevoko, fa ianareo hafa kosa, hiakatra am-piadanana ho any amin'ny rainareo."
[18]Avy eo dia nanatona akaiky azy i Joda ka nilaza hoe: "Ry tompoko, avelao re hiresaka teny iray eo an-tsofin'ny tompoko ny mpanomponao, ary aoka ny fahatezeranao hirehitra amin'ny mpanomponao, fa ianao dia tahaka an'i Farao.
[19]Nanontany ireo mpanompony ny tompoko, niteny hoe: 'Moa ve ianao manana ray na rahalahy iray?'
[20]Hoy izahay tamin'ny tomponay hoe: 'Manana ray izahay, lehilahy antitra, ary zanaka iray tamin'ny fahanterany. Fa ny rahalahiny dia efa maty, ary izy irery no tavela tamin'ny reniny, ary ny rainy tia azy.' [21]Avy eo nilaza tamin'ireo mpanomponao ianao hoe: 'Ento midina eto amiko izy mba hafahako mahita azy.' [22]Tao aorian'izany, dia nilaza tamin'ny tompoko izahay hoe: "Tsy afaka hamela ny rainy ilay zazalahy. Fa raha mamela ny rainy izy dia ho faty ny rainy.'
[23]Ary ianao nilaza tamin'ireo mpanomponao hoe: 'Raha tsy midina miaraka aminao ny rahalahinao zandriny indrindra, dia tsy hahita ny tavako intsony ianao.' [24]Ary indro tonga izany rehefa niakatra nankany amin'ny raiko mpanomponao izahay, nolazainay taminy ireo tenin'ny tompoko. [25]Hoy ny rainay hoe: "Mandehana indray, mividiana sakafo ho antsika.'
[26]Avy eo dia nilaza izahay hoe: 'Tsy afaka midina izahay. Raha miaraka aminay ny rahalahinay zandriny indrindra, dia hidina izahay, satria tsy afaka ny hahita ny tavan'ilay lehilahy izahay raha tsy miaraka amin'ny rahalahinay zandriny indrindra.'
[27]Ny mpanomponao ry tompoko no niteny taminay hoe: 'Fantatrareo fa niteraka roa lahy tamiko ny vadiko. [28]Ny iray tamin'izy ireo dia niala tamiko ary hoy aho hoe: "Azo antoka fa voaviravira izy, ary tsy nahita azy aho hatramin'izao."
[29]Izao raha maka ilay iray aty amiko koa ianareo, ka loza no tonga eo aminy, dia hampihintsana ny volon-dohako amin'ny alahelo mankany amin'ny Fiainan-tsy hita ianareo.'
[30]Ary, noho izany, rehefa tonga any amin'ilay mpanomponao aho, ary tsy miaraka aminay ilay zazalahy, satria mifamatotra amin'ny ain'ilay zazalahy ny ainy, [31]fa ho tonga izany, rehefa hitany fa tsy miaraka aminay ilay zazalahy, dia ho faty izy. Ireo mpanomponao dia hampihintsana ny volo fotsin'ny raiko mpanomponao miaraka amin'ny alahelo mankany amin'ny Fiainan-tsy hita. [32]Satria ny mpanomponao dia efa lasa antoka ho an'ilay zazalahy amin'ny raiko ary nilaza hoe: "Raha tsy mitondra azy eo anatrehanao aho, dia hitondra heloka eo amin'ny raiko mandrakizay aho.'
[33]Ary noho izany, avelao re ny mpanomponao hijanona ho solon'ilay zazalahy tahaka ny andevon'ny tompoko, ary avelao ilay zazalahy hiakatra hiaraka amin'ireo rahalahiny. [34]Fa amin'ny fomba ahoana no hiakarako any amin'ny raiko raha tsy miaraka amiko ilay zazalahy? Matahotra ny hahita ilay ratsy izay ho tonga eo amin'ny raiko aho."

45 [1]Ary Josefa tsy nahafehy ny fihetseham-pony teo anoloan'ireo mpanompo izay nitsangana teo anilany. Niteny mafy izy hoe: "Tsy maintsy mandao ahy ny rehetra." Ka dia tsy nisy mpanompo nijoro teo aminy rehefa nampahafantatra ny tenany tamin'ireo rahalahiny i Josefa. [2]Nitomany mafy izy, ka ren'ireo Egyptiana izany, ary ren'ireo tao an-tranon'i Farao. [3]Hoy Josefa tamin'ireo rahalahiny hoe: "Izaho no Josefa. Mbola velona ve ny raiko?" Tsy nahavaly azy ireo rahalahiny, satria tohina teo anatrehany izy ireo.
[4]Avy eo Josefa niteny tamin'ireo rahalahiny hoe: "Manatona akaiky ahy, azafady." Dia nanatona akaiky izy ireo. Hoy izy hoe: "Izaho no Josefa rahalahinareo, izay namidinareo tany Egypta. [5]Aza malahelo na tezitra amin'ny tenanareo ny amin'ny namarotanareo ahy taty, satria Andriamanitra no nandefa ahy mialoha anareo mba hiarovana ny ainareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Satria teto amin'ity tany ity ny mosary nandritr'izay roa taona izay, ary mbola hisy dimy taona izay tsy hisy na fiasana tany na fijinjana.
[7]Andriamanitra naniraka ahy hialoha anareo mba hitahiry anareo ho sisa eto an-tany ary hitazona anareo ho velona amin'ny fanafahana lehibe. [8]Ary noho izany tsy ianareo no nandefa ahy taty fa Andriamanitra, ary izy nanao ahy ho rain'i Farao, tompon'ny tranony rehetra, sy mpanapaka ny tany rehetra manerana an'i Egypta.
[9]Faingàna ary miakara any amin'ny raiko ka lazao aminy hoe: 'Izao no ambaran'i Josefa zanakao: "Nataon'Andriamanitra mpanapaka an'i Egypta iray manontolo aho. Midina aty amiko, ka aza mangatak'andro. [10]Hipetraka amin'ny tanin'i Gosena ianao ary ho eo akaikiko, ianao sy ireo zanakao ary ireo zanaky ny zanakao, sy ireo ondry aman'osy ary ireo omby, sy ny fanananao rehetra. [11]Hamatsy anareo aho, satria mbola haharitra dimy taona ny mosary, ka mba tsy ho tonga aminareo ny fahantrana, aminao, sy ny tokantranonao, ary izay anananao rehetra."'
[12]Indro, hitan'ny masonareo, sy ny mason'i Benjamina rahalahiko, fa ny vavako no miteny aminareo. [13]Ho lazainareo amin'ny raiko ny momban'ny voninahitro aty Egypta sy ny zavatra rehetra izay hitan'ny masonareo. Mandehana faingana ianareo ary ento midina aty ny raiko."
[14]Namihina ny vozon'i Benjamina rahalahiny izy ka nitomany, ary Benjamina nitomany teo amin'ny vozony. [15]Nanoroka ny rahalahiny rehetra izy ary nitomany teo amin'izy ireo. Tao aorian'izay dia niresaka taminy ireo rahalahiny.
[16]Ary nolazaina tao an-tranon'i Farao ny vaovao hoe: "Tonga ireo rahalahin'i Josefa." Nahafaly tanteraka an'i Farao sy ireo mpanompony izany. [17]Hoy Farao tamin'i Josefa hoe: "Lazao amin'ireo rahalahinao hoe: 'Ataovy izao: ataingeno ny entana ho entin'ireo bibinareo ary mandehana any amin'ny tany Kanana. [18]Ento ny rainareo sy ny tokantranonareo ary mankanesa aty amiko. Homeko anareo ny tsara eto amin'ny tanin'i Egypta, ary hihinana ny matavin'ny tany ianareo.'
[19]Ary omena didy ianareo hoe: 'Ataovy izao, makà kalesy amin'ny tany Egypta ho an'ny zanakareo sy ny vadinareo. Ento ny rainareo ka mankanesa aty. [20]Aza miahiahy ny amin'ireo fanananareo, fa anareo izay tsara eto amin'ny tany rehetra manerana an'i Egypta.'"
[21]Koa dia nataon'ireo zanak'Israely izany. Nomen'i Josefa kalesy izy ireo araka ny nandidian'i Farao, ary nanome azy ireo vatsy ho entina eny an-dalana. [22]Nomeny akanjo ho soloina izy rehetra, fa Benjamina kosa nomeny sekely volafotsy telonjato sy akanjo ho soloina dimy. [23]Izao no nalefany ho an'ny rainy: boriky lahy folo nitondra ireo zava-tsoan'i Egypta; ary boriky vavy folo nitondra vary sy mofo, ary vatsy hafa ho an'ny rainy entina eny an-dalana.
[24]Dia nalefany ireo rahalahiny ka lasa izy ireo. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Aza mifanditra eny an-dalana ianareo." [25]Dia niakatra avy tao Egypta izy ireo ka tonga tany tamin'ny tany Kanana, ho any amin'i Jakoba rainy. [26]Niteny taminy izy ireo hoe: "Mbola velona Josefa, ary mpanapaka ny tany Egypta iray manontolo izy." Niontana ny fony, satria tsy nino izay nolazain'izy ireo azy.
[27]Nolazain'izy ireo taminy ny teny rehetra nambaran'i Josefa azy ireo. Rehefa hitan'i Jakoba ny sarety izay nalefan'i Josefa mba hitondrana azy, dia velona indray ny fanahin'i Jakoba rain'izy ireo. [28]Hoy Israely hoe: "Ampy izay. Mbola velona Josefa zanako. Handeha aho ary hijery azy mialohan'ny hafatesako."

46 [1]Niainga niaraka tamin'izay rehetra nananany Israely ary nankany Beri-sheba. Tao no nanolorany fanatitra ho an'i Andriamanitr'Isaka rainy. [2]Niteny tamin'Israely tao anaty fahitana Andriamanitra ny alina, nanao hoe: "Jakoba, Jakoba." Hoy izy hoe: "Inty aho." [3]Hoy Izy hoe: "Izaho no Andriamanitra, Andriamanitry ny rainao. Aza matahotra ny hidina ho any Egypta, fa hataoko firenena lehibe any ianao. [4]Hiaraka aminao hidina ho any Egypta Aho, ary Izaho hitondra anao hiverina hiakatra tokoa ary ny tanan'i Josefa no hanirina ny masonao amin'ny tanany.
[5]Niarina tao Beri-sheba i Jakoba. Nitondra an'i Jakoba rainy, ireo zanany, sy ireo vadiny, tamin'ny kalesy izay nalefan'i Farao mba hitondrana azy ireo ny zanak'Israely. [6]Nentin'izy ireo ny biby fiompiny sy ny fananan'izy ireo izay efa azony tao amin'ny tany Kanana. Niditra tao Egypta izy ireo, niaraka tamin'i Jakoba sy ireo taranany rehetra. [7]Nentiny niaraka taminy tany Egypta ireo zanany lahy sy ireo zafiny lahy, ireo zanany vavy sy ireo zafiny vavy, ary ireo taranany rehetra.
[8]Ireto no anaran'ny zanak'Israely izay tonga tany Egypta, Jakoba sy ireo zanany: Robena, lahimatoan'i Jakoba; [9]ireo zanaka lahin'i Robena i Hanoka sy Palo sy Hezrona ary Karmy; [10]ireo zanak'i Simeona, dia i Jemoela, Jamina, Ohada, Jakina, Zohara, ary Saoly, ireo zanaka lahin'ilay vehivavy Kananita; [11]ireo zanaka lahin'i Levy dia i Gersona, Kehata, Merary.
[12]Ireo zanaka lahin'i Joda: Era, Onana, Sela, Fareza, ary Zera (fa i Era sy Onana maty tany amin'ny tany Kanana). Ireo zanaka lahin'i Fazera dia i Hezrona sy Hamola. [13]Ireo zanaka lahin'i Isakara dia i Tola, Pova, Joba, ary Simrona; [14]Ireo zanaka lahin'i Zebolona dia Sereda, Elona, ary Jahalela. [15]Ireo ny zanaka lahin'i Lea izay naterany tamin'i Jakoka tany Padana-Arama, mbamin'i Dina zanany vavy. Niisa telo amby telopolo ireo zanany lahy sy ireo zanany vavy.
[16]Ireo zanaka lahin'i Gada dia i Zifiona, Hagy, Sony, Ezbona, Ery, Aroda, ary Arely. [17]Ireo zanaka lahin'i Asera dia Jimna, Jisva, Jisvy, ary Beria; ary i Sera no anabavin'izy ireo. Ireo zanaka lahin'i Beria dia Hebera sy Malkiela. [18]Ireo no zanaka lahin'i Zilpa, izay nomen'i Labana an'i Lea zanaka vaviny. Ireo no zanany lahy naterany tamin'i Jakoba—enina ambin'ny folo no fitambarany.
[19]Ireo zanaka lahin'i Rahely vadin'i Jakoba dia Josefa sy Benjamina. [20]Niteraka an'i Manase sy Efraima tamin'i Asenata, zanaka vavin'i Potifera mpisorona tao Ona i Josefa tany Egypta. [21]Ireo zanaka lahin'i Benjamina dia i Bela, Bakera, Gera,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Asbela, Gera, Namana, Ehy, Rosy, Mopima, Hopima ary Arda. [22]Ireo no zanak'i Rahely naterany tamin'i Jakoba—efatra ambin'ny folo no fitambarany.
[23]Ny zanaka lahin'i Dana dia i Hosima. [24]Ireo zanaka lahin'i Naftaly dia Jaziela, Gony, Jezera, ary Silema. [25]Ireo no zanaka lahy naterak'i Jakoba tamin'i Bila, izay nomen'i Labana an'i Rahely zanany vavy—fito ny fitambarany.
[26]Ireo rehetra izay nankany Egypta niaraka tamin'i Jakoba, izay taranany, raha tsy isaina ireo vadin'ny zanany lahy, dia enina amby enimpolo ny fitambarany. [27]Fitopolo ny fitambaran'ny fianakanaviany nankany Egypta, niaraka tamin'ny zanaka lahin'i Josefa anankiroa izay naterany tany Egypta.
[28]Nalefan'i Jakoba hialoha lalana azy mankany amin'i Josefa i Joda mba hanoro lalana azy ho any Gosena, ary dia tonga tany amin'ny tanin'i Gosena izy ireo. [29]Nanomana ny kalesiny Josefa ary lasa niakatra nitsena an'Israely rainy. Nahita azy izy, namihina ny vozony, ary nitomany ela teo amin'ny vozony. [30]Hoy Israely tamin'i Josefa hoe: "Aoka ho faty amin'izay aho, satria efa nahita ny tavanao, fa mbola velona ianao."
[31]Josefa niteny tamin'ireo rahalahiny sy ireo ankohonan-drainy hoe: "Hiakatra aho ary hilaza amin'i Farao, ka hiteny hoe: 'Efa tonga aty amiko ireo rahalahiko sy ireo fianakavian-draiko izay tany amin'ny tany Kanana. [32]Mpiandry ondry ireo lehilahy ireo, satria mpikarakara biby fiompy izy ireo. Nentin'izy ireo ny ondry aman'osiny, ireo ombin'izy ireo, ary izay rehetra nananany.'
[33]Ary rehefa miantso anareo Farao ary manontany hoe: 'Inona no asanareo?' [34]dia tokony hiteny ianareo fa: 'Ireo mpanomponao dia efa mpikarakara biby fiompy hatramin'ny fahazazanay ka hatramin'izao, dia izahay sy ny razanay.' Ataovy izany mba hafahanareo monina amin'ny tanin'i Gosena, satria fahavetavetana ho an'ny Egyptiana ny mpiandry ondry rehetra."

47 [1]Dia niditra Josefa ary niteny tamin'i Farao hoe: "Tonga avy any amin'ny tany Kanana ny raiko sy ireo rahalahiko, ireo andian'ondry, ny biby fiompy ary ny zavatra rehetra izay ananan'izy ireo. Indro, ao amin'ny tanin'i Gosena izy ireo."
[2]Ary naka dimy tamin'ireo rahalahiny i Josefa ka nampahafantatra azy ireo tamin'i Farao.
[3]Hoy Farao tamin'ireo rahalahiny hoe: "Inona no asanareo?" Hoy izy ireo tamin'i Farao hoe: "Mpiandry ondry ny mpanomponao, tahaka ireo razambenay ihany." [4]Ary hoy indray izy ireo tamin'i Farao hoe: "Tonga ho mpivahiny fotoana fohy amin'ity tany ity izahay. Tsy misy ahitra ho an'ny biby fiompin'ny mpanomponao, satria mamaivay ny mosary any Kanana. Koa ankehitriny ary, mba avelao re ny mpanomponao hitoetra eo amin'ny tanin'i Gosena."
[5]Ary niresaka tamin'i Josefa i Farao, nanao hoe: "Tonga teto aminao ny rainao sy ny rahalahinao. [6]Eo anoloanao ny tany Egypta. Ampitoero ao amin'ny faritra tsara indrindra ny rainao sy ireo rahalahinao, dia ny tanin'i Gosena. Raha mahafantatra olona mahay amin'izy ireo ianao, dia ampitantano ny biby fiompiko ireo."
[7]Avy eo dia nentin'i Josefa niditra i Jakoba ary nampahafantariny tamin'i Farao. Nitso-drano an'i Farao i Jakoba. [8]Hoy Farao tamin'i Jakoba hoe: "Hafiriana izay no nahavelomanao?" [9]Jakoba niteny tamin'i Farao hoe: "Telopolo amby zato izay no taonan'ny diako. Vitsy ary nangirifiry ny androm-piainako. Tsy mba lava tahaka ny an'ny razako ireo." [10]Ary nitso-drano an'i Farao i Jakoba ka nivoaka niala teo amin'ny fanatrehany.
[11]Taorian'izany dia nampitoetra ny rainy sy ireo rahalahiny i Josefa. Nanome fari-tany ho azy ireo tao amin'ny tany Egypta izy, izay tany tsara indrindra, tao amin'ny tanin'i Ramesesa, araka ny nandidian'i Farao. [12]Nanome sakafo ho an-drainy, sy ireo rahalahiny, ary ny ankohonan-drainy rehetra i Josefa, araka ny isan'ny zanany avy.
[13]Ary tsy nisy sakafo teo amin'ny tany rehetra; satria namaivay ny mosary. Simba ny tany Egypta sy Kanana nohon'ny mosary. [14]Nangonin'i Josefa tamin'ny alalan'ny fivarotana vary tamin'ireo mponina avokoa ny vola rehetra teo amin'ny tany Egypta sy ny tany Kanana. Avy eo dia nentin'i Josefa tao an-dapan'i Farao ny vola.
[15]Rehefa lany avokoa ny volan'ny tany Egypta sy tany Kanana, dia nankeo amin'i Josefa avokoa ny Egyptiana rehetra nanao hoe: "Omeo hanina izahay! Nahoana izahay no dia ho faty eto anatrehanao satria lany ny volanay?" [16]Hoy Josefa hoe: "Raha lany ny volanareo, dia ento aty ny biby fiompinareo ary hanome hanina ho anareo aho ho solon'ny biby fiompinareo." [17]Koa dia nentin'izy ireo teo amin'i Josefa ny biby fiompin'izy ireo. Nomen'i Josefa hanina izy ireo ho takalon'ny soavaly, ny omby, ny ondry, ary ireo ampondra. Novokisany mofo izy ireo ho takalon'ny biby fiompiny tamin'izay taona izany.
[18]Rehefa tapitra izany taona izany, dia tonga teo aminy indray izy ireo ny taona manaraka ary niteny hoe: "Tsy anafina amin'ny tomponay izahay fa lany tanteraka ny volanay, ary ny andian'ny biby fiompinay dia efa an'ny tomponay. Tsy misy na inona na inona tavela eo imason'ny tomponay, afa-tsy ny tenanay sy ny taninay. [19]Nahoana izahay no ho faty eo imasonao, izahay sy amin'ny taninay? Vidio izahay sy ny taninay ho takalon-kanina, ka ho mpanompon'i Farao izahay sy ny taninay. Mba omeo voa izahay mba ho velona fa tsy ho faty, ary mba tsy ho lao ny taninay."
[20]Koa dia novidian'i Josefa ho an'i Farao ny tan'ny Egypta manontolo, satria nivarotra ny taniny avokoa ny Egyptiana rehetra fa namaivay tokoa ny mosary. Tamin'izay dia lasan'i Farao ny tany. [21]Raha ny amin'ny vahoaka, dia nataony andevo tany amin'ny ilan'ny sisin-tanin'i Egypta iray ka hatrany amin'ny ilany hafa izy ireo. [22]Ny tanin'ny mpisorona no hany tsy novidian'i Josefa, satria nomena tombony ireo mpisorona. Nihinana tamin'ny anjara nomen'i Farao azy izy ireo. Noho izany dia tsy nivarotra ny taniny izy ireo.
[23]Ary hoy Josefa tamin'ny vahoaka hoe: "Indro, efa novidiako ho an'i Farao ianareo sy ny taninareo anio. Ary ity misy voa ho anareo, dia hamboly eo amin'ny tany ianareo. [24]Amin'ny fijinjana, dia tsy maintsy manome ny ampaha-diminy ho an'i

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Farao ianareo, ary ny ampahany efatra ho anareo manokana, mba ho masom-boly ho an'ny tany ary mba ho sakafo ho an'ny ankohonanareo sy ny zanakareo."
25 Ary hoy izy ireo hoe: "Nanavotra ny ainay ianao. Enga anie ka hahita fitia eo imasonao izahay. Ho mpanompon'i Farao izahay." 26 Koa dia nataon'i Josefa didy nihatra teo amin'ny tany Egypta izany hatramin'izao andro izao, fa ny iray ampaha-diminy dia an'i Farao. Ny tanin'ny mpisorona ihany no tsy lasan'i Farao.
27 Koa nipetraka tany amin'ny tany Egypta, tao amin'ny tanin'i Gosena i Israely. Nahazo fananana tany ny vahoakany. Namokatra be izy ireo ary nitombo isa fatratra. 28 Nitoetra tany amin'ny tany Egypta fito ambin'ny folo taona i Jakoba, ka fito amby efapolo amby zato taona ny androm-piainany.
29 Rehefa akaiky ny fotoana hahafatesan'Israely, dia niantso an'i Josefa zanany izy ary nanao taminy hoe: "Raha nahita fitia teo imasonao aho, dia apetraho eo ambanin'ny feko ny tananao, ary anehoy fahatokiana sy fahamendreham-pitokisana aho. Aza mba halevina eto Egypta re aho. 30 Rehefa mody mandry miaraka amin'ireo razako aho, dia hoentinao mivoaka an'i Egypta ary halevinao any amin'ny fasan'ny razambeko." Hoy Josefa hoe: "Hanao araka izay nolazainao aho." 31 Hoy Israely hoe: "Mianiana amiko," ary nianiana taminy i Josefa. Avy eo dia niankohoka teo an-doham-pandriany Israely.

48 1 Ary tao aorian'izany zavatra izany, dia nisy nilaza tamin'i Josefa hoe: "Indro, marary rainao." Dia nentiny niaraka taminy ny zanany mirahalahy, Manase sy Efraima. 2 Rehefa nilazana Jakoba hoe: "Indro, Josefa zanakao lahy tonga mba hijery anao," dia nanangona hery Israely ka niarina nipetraka teo am-pandriana.
3 Hoy Jakoba tamin'i Josefa hoe: "Andriamanitra Tsitoha efa niseho tamiko tany Lozy tany amin'ny tany Kanana. Nitso-drano ahy Izy 4 ka nanao tamiko hoe: 'Indro, hampamokatra, sy hahamaro anao Aho. Hahatonga firenena maro avy aminao Aho. Dia homeko ny taranakao ity tany ity ho fananana mandrakizay.'
5 Ary ireo zanakao mirahalahy, izay teraka ho anao teto Egypta talohan'ny nanatonako anao ho eto Egypta, dia ahy. Efraima sy Manase dia ho ahy, tahaka ny maha ahy an'i Robena sy Simeona. 6 Ny zaza teraka aorian'izy ireo no ho anao; ho tanisain'izy ireo ny anaran'ireo rahalahiny araka ny lovan'izy ireo. 7 Ary izaho, fony aho avy any Padana-Arama, dia maty teo anatrehako teny an-dalana tany amin'ny tany Kanana i Rahely, raha kely sisa no tsy nahatongavanay tao Efrata. Naleviko teny an-dalana ho any Efrata izy" (izay atao hoe, Betlehema).
8 Koa rehefa hitan'i Israely ireo zanak'i Josefa, dia hoy izy hoe: "An'iza moa ireto?" 9 Dia hoy Josefa tamin-drainy hoe: "Zanako ireo, izay nomen'Andriamanitra ahy taty." Dia hoy Israely hoe: "Ento mankaty amiko izy ireo, mba hitsofako rano azy." 10 Ary efa nanjavona ny mason'i Israely nohon'ny fahanterany, ka tsy afaka mahita izy. Dia nampanatonin'i Josefa azy izy ireo noho izany, ka nanoroka sy namihina azy ireo izy.
11 Hoy Israely tamin'i Josefa hoe: "Tsy nanantena ny hahita ny tavanao indray aho, nefa navelan' Andriamanitra ho hitako na dia ny zanakao aza." 12 Dia nesorin'i Josefa teo anelanelan'ny lohalik'i Israely izy ireo, ary niankohoka tamin'ny tany izy.
13 Dia nalain'i Josefa izy mirahalahy, Efraima teo an-tanan-kavanany ho eo an-tanan-kavian'i Israely, ary Manase teo an-tanan-kaviany manatrika ny an-tanan-kavanan'i Israely, ka nitondra azy ireo mba hanakaiky azy.
14 Dia natsotran'i Israely ny tanany havanana ka napetrany teo ambonin'ny lohan'i Efraima, ilay zandriny, ary ny tanany havia teo ambonin'ny lohan'i Manase. Nampifamadihany ny tanany, satria Manase no lahimatoa. 15 Dia nitso-drano an'i Josefa i Israely, ka nanao hoe: "Ilay Andriamanitra izay nandeha teo alohan'i Abrahama sy Isaka, ilay Andriamanitra izay niahy ahy mandrak'ankehitriny, 16 ilay anjely izay niaro ahy tamin'ny ratsy rehetra anie, hitahy ireto zaza lahy ireto. Ho tononina ao amin'izy ireo anie ny anarako, ary ny anaran'i Abrahama sy Isaka razako. Hihamaro eto an-tany anie izy ireo."
17 Koa rehefa hitan'i Josefa fa napetraky ny rainy teo amin'ny lohan'i Efraima ny tanany an-kavanana, dia tsy nankasitraka izany izy. Dia nesoriny tsy ho eo amin'ny lohan'i Efraima ny tanan'ny rainy ka nafinfrany teo ambonin'ny lohan'i Manase.
18 Dia hoy Josefa tamin'ny rainy hoe: "Tsy izao no izy, ry raiko; fa ity no lahimatoa. Apetraho eo ambonin'ny lohany ny tananao an-kavanana."
19 Dia nandà ny rainy ka nanao hoe: "Fantatro, ry zanako, fantatro. Ho tonga firenena, sy ho tonga lehibe ihany koa izy. Ary ny zandriny koa dia ho lehibe noho izy, ary ho tonga firenena maro ny taranany." 20 Izao teny izao no nitsofan'i Israely rano azy ireo tamin'izany andro izany: "Amin'ny anaranareo no hanononan'ny vahoakan'i Israely fitahiana hanao hoe: 'Andriamanitra anie hahatonga anareo tahaka an'i Efraima sy Manase.'" Izany no fomba, nametrahan'i Israely an'i Efraima ho eo alohan'i Manase.
21 Hoy Israely tamin'i Josefa hoe: "Indro, efa ho faty aho, nefa Andriamanitra homba anao, ary hitondra anao hiverina any amin'ny tanin'ireo razanao. 22 Ho anao, izay ambony noho ireo rahalahinao, dia omeko anao ny zaratany izay nalaiko tamin'ny Amorita tamin'ny sabatro sy ny tsipikako."

49 1 Avy eo nampiantso ireo zanany lahy Jakoba, ary niteny hoe: "Miangona ianareo, mba hafahako milaza aminareo izay hitranga aminareo amin'ny ho avy. 2 Mivoria ary mihainoa, ianareo ry zanaka lahin'i Jakoba. Mihainoa an'i Israely, rainareo.
3 Ry Robena, ianao no lahimatoako, ny maheriko, ary ny fiandohan'ny heriko, miavaka amin'ny fahamendrehana, ary miavaka amin'ny fahefana. 4 Tsy voafehy toy ny rano mandeha mafy, no tsy hahazo ny lohany ianao, satria niakatra teo amin'ny fandrian'ny rainao ianao. Avy eo nandoto izany ianao; niakatra teo amin'ny fandriako ianao.

[5]Simeona sy Levy dia mpirahalahy. Ireo fitaovam-piadian'ny herisetra no sabatr'izy ireo. [6]Ry fanahiko, aza miditra ao amin'ireo filan-kevitr'izy ireo; aza miditra ao amin'ny fivorian'izy ireo, fa ny foko be voninahitra loatra raha ho an'izany. Fa tao anatin'ny hatezeran'izy ireo no namonoany olona. Ho fahafinaretana no nitraingoin'izy ireo omby.
[7]Aoka hozonina ny hatezeran'izy ireo, fa nasiaka izany—ary ny faharomotan'izy ireo, fa loza be izany. Hizara azy ireo any amin'i Jakoba aho ary hampiely azy ireo any amin'i Israely.
[8]Ry Joda, hidera anao ireo rahalahinao. Ho eo am-bozon'ireo fahavalonao ny tananao. Hiankohoka eo alohanao ireo zanaka lahin'ny rainao.
[9]Joda dia zana-diona. Ry zanako lahy, niakatra tamin'ireo fandresenao ianao. Dia niondrika izy, nitampify toy ny liona, toy ny liona vavy. Iza no hahasahy hamoha azy?
[10]Ny tehim-panjakana dia tsy hiala eo amin'i Joda, na ireo tehin'ireo mpanapaka eo anelanelan'ny tongony, mandra-pahatongan'i Silo. Hankatoa azy ireo firenena.
[11]Namatotra ny ampondrany teo amin'ny voaloboka, ary ny zana-birikiny teo amin'ny voaloboka voasafidy, dia nanasa ireo fitafiany tao anatin'ny divay izy, ary ny akanjo lavany tao anatin'ny ràm-boaloboka. [12]Ho mainty toy ny divay ireo masony, ary ho fotsy toy ny ronono ireo nifiny.
[13]Hipetraka eo amoron-dranomasina i Zebolona. Ho seranan'ireo sambo izy, ary hihitatra any Sidona ny fari-taniny.
[14]Isakara dia ampondra matanjaka, mandry anelanelan'ireo valan'ondry. [15]Mahita toerana fialan-tsasatra tsara sy tany mahafinaritra izy. Hanondrika ny sorony ho amin'ny enta-mavesatra izy ary ho lasa mpanompo ho an'ny asa.
[16]Hitsara ny vahoakany toy ny iray amin'ireo fokon'i Israely i Dana. [17]Ho bibilava akaikin'ny lalana i Dana, bibilava misy poizina eo amin'ny lalana izay manaikitra ireo ombelahin-tongotry ny soavaly, ka mianjera ny mpitaingina izany.
[18]Miandry ny famonjenao aho, ry Yaveh.
[19]Gada—hanafika azy ny andiany, fa hanafika azy ireo eo amin'ny ombelahin-tongon'izy ireo izy. [20]Ho tsara ny sakafon'i Asera, ary hamatsy hanim-py ny mpanjaka izy. [21]Naftaly dia diera vavy novahana, hanana biby tsara tarehy izy.
[22]Josefa dia sampam-bokatra, sampam-bokatra akaiky lohataona, izay ny sampany dia mananika mihoatry ny fefy. [23]Ireo mpandefa tsipika dia hanafika azy ary hitifitra azy sy hampijaly azy.
[24]Fa ny tsipikany dia hijanona hateza, ary ireo tanany dia hahay hanao noho ny tanan'ilay Maherin'i Jakoba, noho ny anaran'ny Mpiandry ondry, ny Vatolampin'i Israely.
[25]Ny Andriamanitry ny rainao dia hanampy anao ary ny Andriamanitra Tsitoha hitahy anao amin'ireo fitahian'ny lanitra ambony, ireo fitahian'ny lalina izay nandry ambany, ary ireo fitahian'ny tratra sy kibo.
[26]Ireo tso-dranon'ny rainao dia lehibe noho ireo fitahian'ireo tendrombohitra taloha na ireo zavatra irian'ireo havoana taloha. Ho eo an-dohan'i Josefa anie ireo, dia eo amin'ny satro-boninahitry ny lohan'ny printsin'ireo rahalahiny mihintsy.
[27]Benjamina dia amboadia noana. Amin'ny maraina dia handrapaka ny haza izy, ary amin'ny hariva dia hizara ny voaroba izy."
[28]Ireo no foko roa ambin'ny folon'i Israely. Izany no nolazain'ny rainy tamin'izy ireo rehefa nitso-drano azy ireo izy. Ny tsirairay avy dia notsofina rano tamin'ny fitsofan-drano mifanaraka avy. [29]Dia nandidy azy ireo izy ary nanao tamin'izy ireo hoe: "Efa andeha any amin'ny vahoakako aho. Aleveno miaraka amin'ireo razam-beko ao am-pasana izay ao amin'ny sahan'i Efrona Hetita aho, [30]ao amin'ny fasana izay ao amin'ny sahan'i Makpela, izay akaikin'i Mamre ao amin'ny tany Kanàna, ny saha izay novidian'i Abrahama ho toerana fandevenana tany amin'i Efrona Hetita.
[31]Tao no nandevenan'izy ireo an'i Abrahama sy Saraha vadiny; tao no nandevenan'izy ireo an'Isaka sy Rebeka vadiny; ary tao no nandevenako an'i Lea. [32]Ny saha sy ny fasana izay tao anatin'izany dia novidiana tamin'ireo vahoakan'i Heta.
[33]Rehefa vitan'i Jakoba tamin'ireo zanany izany didy izany, dia namonkina ny tongony ho eny am-pandriana izy, dia niala aina, ary nandeha nankany amin'ny olony.

50 [1]Ary nalahelo mafy Josefa ka dia nihohoka teo amin'ny tavan'ny rainy, sy nitomany teo aminy, ary nanoroka azy izy.
[2]Nandidy ireo mpitsabo mpanompony i Josefa mba hanositra zava-manitra ny rainy. Ary dia nosoran'ireo mpitsabo zava-manitra i Israely. [3]Naka efapolo andro izy ireo, fa izany no fetr'andron'ny fanosorana. Nitomany azy nandritry ny fitopolo andro ireo Egyptian.
[4]Rehefa tapitra ny andro fisaonana, dia niresaka tamin'ny tao an-tranon'i Farao i Josefa niteny hoe: "Raha mba efa nahita sitraka teo imasonareo aho, dia mba lazao re Farao hoe:[5]'Efa nampianiana ahy ny raiko, niteny hoe: "Indro, efa ho faty aho. Haleveno ao amin'ny fasana izay efa nohadiko ho ahy any amin'ny tany Kanana aho. Any no handevenanao ahy." Ankehitriny avelao aho hiakatra ary handevina ny raiko, ary hiverina aho avy eo.'" [6]Farao namaly hoe: "Mandehana ary haleveno ny rainao, araka ny nampianianany anao."
[7]Niakatra handevina ny rainy Josefa. Niaraka nandeha taminy ireo mpanapak'i Farao rehetra— ireo olona ambony tao an-dapany, ary ireo lehiben'ny mpanapaka rehetra tao amin'ny tany Egypta, [8]mbamin'ireo ankohonan'i Josefa sy ireo rahalahiny rehetra, ary ny ankohonan-drainy. Fa ireo zanany, ireo ondry aman'osy, ary ny ombin'izy ireo kosa no navela tao amin'ny tany Gosena. [9]Niaraka taminy ihany koa ireo kalesy sy ireo mpitaingin-tsoavaly. Dia vahoaka maro be izany.
[10]Rehefa tonga teo amin'ny famoloanan'i Goren-atada ampitan'i Jordana izy ireo, dia nisaona mafy sy tamin'ny fahoriana lehibe izy ireo. Nanao fisaonana fito andro ho an'ny rainy teo Josefa. [11]Nony hitan'ireo mponin'ny tany, Kananita, ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fisaonana teo amin'ny famoloanan'i Goren-atada, dia hoy izy ireo hoe: "Fotoana tena mampalahelo ho an'ireo Egyptiana izao." Izany no nahatonga ny toerana nantsoina hoe Abela-Mizraima, izay ao an-dafin'i Jordana.
[12]Ary dia nataon'ireo zanany lahy tamin'i Jakoba araka izay nandidiany azy ireo.[13]Nolanjain'ireo zanany lahy nankany amin'ny tany Kanana izy ary nalevin'izy ireo tao an-dava-bato tao amin'ny sahan'i Makpela, akaikin'i Mamre. Novidian'i Abrahama ho toerana fandevenana ny lava-bato mbamin'ny saha. Novidiany tamin'i Efrona Hetita izany.[14]Rehefa voaleviny ny rainy, dia niverina tany Egypta i Josefa, izy, sy ireo rahalahiny, ary ireo rehetra izay niaraka taminy mba handevina ny rainy.
[15]Rehefa hitan'ireo rahalahin'i Josefa fa maty ny rain'izy ireo, dia hoy izy ireo hoe: "Ahoana raha mbola mitàna hatezerana amintsika Josefa ary te-hamaly antsika ny amin'izay ratsy rehetra nataontsika taminy?" [16]Koa dia nandidy ny fanatrehan'i Josefa izy ireo, niteny hoe: "Efa nanome baiko ny rainao talohan'ny nahafatesany, niteny hoe: [17]'Lazao amin'i Josefa izao: "Mamelà re ny fandikanan-dalàna sy ny fahotan'ireo rahahalahinao tamin'izay ratsy nataon'izy ireo taminao.'" Ankehitriny dia mamelà re ireo mpanompon'Andriamanitry ny rainao." Nitomany i Josefa rehefa niresaka taminy izy ireo.
[18]Nandeha ihany koa ireo rahalahiny ary nanohoka ny tavany teo anatrehany. Hoy izy ireo hoe: "Indreto, izahay mpanomponao." [19]Fa Josefa namaly azy ireo hoe: "Aza matahotra. Moa eo amin'ny toeran' Andriamanitra ve aho? [20]Fa ianareo, dia nihevitra ny hanao ratsy ahy, nefa Andriamanitra dia nihevitra izany ho amin'ny tsara, mba hiarovana ny ain'ny vahoaka maro, araka ny itanareo anio. [21]Koa ankehitriny aza matahotra. Hamatsy anareo sy ny zaza madinikareo aho." Nampionona azy ireo toy izany izy ary niresaka tam-pitiavana tamin'ny fon'izy ireo.
[22]Nipetraka tany Egypta i Josefa, niaraka tamin'ny ankohonan-drainy. Niaina folo amby zato taona izy. [23]Nahita ireo zanak'i Efraima hatramin'ny taranaka fahatelo i Josefa. Nahita ireo zanak'i Makira zanaka lahin'i Manase ihany koa izy, izay natsangan'i Josefa.
[24]Hoy Josefa tamin'ireo rahalahiny hoe: "Efa ho faty aho; fa ho tonga aminareo tokoa Andriamanitra ary hitarika anareo hiala eto amin'ity tany ity ho any amin'ny tany izay nianianany homena an'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba." [25]Ary Josefa nampianiana fianianana ny vahoakan'Israely. Hoy izy hoe: "Ho tonga aminareo tokoa Andriamanitra. Amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy entinareo miala eto ny taolako." [26]Ary dia maty Josefa, rehefa 110 taona. Nosoran'izy ireo zava-manitra ary napetraka tao anaty vata-paty tany Egypta izy.

Eksodosy

1 [1]Ireto ny anaran'ireo zanaka lahin'Israely izay nankany Egypta niaraka tamin'i Jakoba, izay niaraka tamin'ireo ankohonany avy: [2]Robena, Simeona, Levy ary Joda; [3]Isakara, Zebolona, ary Benjamina, [4]Dana, Naftaly, Gada ary Asera.
[5]Ireo taranak'i Jakoba rehetra dia miisa fitopolo. Josefa kosa dia efa tany Egypta.
[6]Ary maty i Josefa, sy ny rahalahiny rehetra, ary ireo taranaka rehetra ireo. [7]Namokatra ireo Israelita, nitombo hatrany ny isan'izy ireo, ary lasa tena natanjaka; feno azy ireo ny tany.
[8]Ary dia nisy mpanjaka vaovao nanjaka nanerana an'i Egypta, izay tsy nahafantatra ny momban'i Josefa. [9]Hoy izy tamin'ireo vahoakany hoe: "Indro, ireo Israelita dia maro an'isa sy matanjaka kokoa noho isika. [10]Manatona, aoka isika ifampiraharaha am-pahendrena amin'izy ireo, raha tsy izany dia hitombo isa hatrany izy ireo, ary raha vaky ny ady, dia hamonjy ireo fahavalontsika izy ireo, hiady amintsika, ary handao ny tany."
[11]Koa dia nametraka mpifehy izy ireo mba hampahory azy ireo amin'ny asa mafy. Nanamboatra tanàna fitehirizana ho an'i Farao ireo Israelita: Pitoma sy Ramesesa. [12]Saingy voamaika ireo Egyptiana mampahory azy ireo, dia voamaika nitombo an'isa sy niparitaka ireo Israelita. Koa dia nanomboka natahotra ireo Israelita ireo Egyptiana.
[13]Nampiasain'ireo Egyptiana fatratra ireo Israelita. [14]Nataony nangidy ny fiainan'izy ireo tamin'ny fanompoana mafy tamin'ny fanaovana feta sy biriky, niaraka tamin'ireo karazan-draharaha rehetra eny an-tsaha. Ny asa rehetra notakiana tamin'izy ireo dia mafy avokoa.
[15]Ary niresaka tamin'ireo mpampivelona Hebreo ny mpanjakan'i Egypta; ny anaran'ny iray dia Sifra, ary ny anankiray Poa. [16]Hoy izy hoe: "Rehefa manatrika ireo vehivavy Hebreo eo amin'ny seza fiterahana ianareo, dia araho maso izy ireo rehefa miteraka. Raha zaza lahy izany, dia tsy maintsy hovonoinareo izy; fa raha zaza vavy kosa, dia afaka avela ho velona." [17]Fa natahotra an'Andriamanitra ireo mpampivelona ka tsy nanao izay nandidian'i mpanjakan'i Egypta azy ireo; navelan'izy ireo ho velona ireo zaza lahy.
[18]Nampiantso ireo mpampivelona ny mpanjakan'i Egypta ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Nahoana no nanao izao ianareo, ary namela ireo zazalahy kely ho velona?" [19]Dia namaly an'i Farao ireo mpampivelona hoe: "tsy mitovy amin'ireo vehivavy Egyptiana ireo vehivavy Hebreo. Matanjaka izy ireo ka efa nahavita namoaka zaza mialohan'ny hatongavan'ny mpampivelona any amin'izy ireo."
[20]Narovan'Andriamanitra ireo mpampivelona ireo. Nitombo an'isa ireo mponina ary tena niha-natanjaka. [21]Satria natahotra an'Andriamanitra ireo mpampivelona, dia nomeny ankohonana izy ireo. [22]Nandidy ireo vahoakany rehetra Farao hoe: "Tsy maintsy harianareo any amin'ny renirano ny zazalahy rehetra izay vao teraka, fa ny zazavavy havelanareo ho velona."

2

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Ary nisy lehilahy iray avy amin'ny fokon'i Levy nanambady zanaka vavin'i Levy. [2]Nitoe-jaza ilay vehivavy ka niteraka zazalahy. Rehefa hitany fa zazalahy salama izy, dia nafeniny nandritra ny telo volana.
[3]Fa rehefa tsy afaka nanafina azy intsony izy, dia naka sobika norariana tamin'ny ahitra ary noraiketiny tamin'ny ditin-tany sy dity izany. Avy eo dia nampidiriny tao ilay zazakely ka napetrany teny amoron'ny volotara manaraka ny moron'ny ony izany. [4]Nijoro avy lavitra ny anabaviny mba hijery izay hanjo azy.
[5]Nidina nandro teny amin'ny ony ny zanakavavin'i Farao raha nandehandeha nanaraka ny moron'ny ony ireo mpanompony. Nahita ny sobika teo amin'ny volotara izy ka naniraka ny mpanompony haka izany. [6]Rehefa nanokatra izany izy, dia nahita ilay zazakely. Indro, nitomany ilay zaza. Nangoraka azy izy ka hoy izy hoe: "Azo antoka fa iray amin'ireo zanaky Hebreo ity."
[7]Ary hoy ny anabavin'ilay zazakely tamin'ny zanaka vavin'i Farao hoe: "Tokony handeha ary hitady vehivavy Hebreo mba hitaiza ilay zaza ho anao ve aho?" [8]Dia hoy ny zanaka vavin'i Farao taminy hoe: "Mandehana." Koa dia nandeha ilay tovovavy ary naka ny renin'ilay zaza.
[9]Hoy ny zanaka vavin'i Farao tamin'ny renin'ilay zazak hoe: "Raiso ity zaza ity ka tezao ho ahy, ary homeko karama ianao." Dia noraisin'ilay vehivavy ilay zaza ary notazainy. [10]Rehefa nihalehibe ilay zaza, dia nentiny tany amin'ny zanaka vavin'i Farao, ka dia lasa zanany. Nomeny ny anarana hoe Mosesy izy ary hoy izy hoe: "Satria namoaka azy avy teny amin'ny rano aho."
[11]Rehefa lehibe i Mosesy, dia nivoaka teny amin'ireo vahoakany ary nanara-maso ny asa mafin'izy ireo. Nahita Egyptiana iray namono Hebreo iray izy, iray amin'ireo vahoakany. [12]Nijery tetsy sy teroa izy, ary rehefa hitany fa tsy nisy olona teo, dia novonoiny ilay Egyptiana ary nafeniny tao anaty fasika ny fatiny.
[13]Nivoaka izy ny ampitso, ary, indro, nisy Hebreo roa lahy niady. Hoy izy tamin'ilay iray izay diso hoe: "Nahoana ianao no mikapoka ny namanao?" [14]Fa hoy ilay lehilahy hoe: "Iza no nametraka anao ho mpitarika ka hitsara anay? Mitetika ny hamono ahy tahaka ny namonoanao ilay Egyptiana ve ianao?" Avy eo dia niha-natahotra i Mosesy ka nanao hoe: "Lasa fantatr'ireo hafa tokoa ny zavatra nataoko."
[15]Ary rehefa ren'i Farao ny mahakasika izany, dia nitady ny hamono an'i Mosesy izy. Saingy nandositra an'i Farao i Mosesy ka nipetraka tany amin'ny tanin'ny Midiana. Ary nipetraka teo akaikin'ny lava-drano tany izy. [16]Ary nanana zanaka fito vavy ilay mpisoron'ny Midiana. Tonga izy ireo, naka rano, ary nameno ny tavy fisotroana mba hanomezana rano ny ondry aman'osin'ny rain'izy ireo. [17]Tonga ireo mpiandry ondry ka niezaka nandroaka azy ireo, saingy nandeha ary nanampy azy ireo i Mosesy. Rehefa izay dia nampisotroiny rano ireo ondry aman'osin'izy ireo.
[18]Rehefa nandeha tany amin'i Regoela rainy ireo vehivavy, dia hoy izy hoe: "Nahoana no tonga aloha aty an-trano ianareo androany?" [19]Ary hoy izy ireo hoe: "Nisy Egyptiana iray nanavotra anay tamin'ireo mpiandry ondry. Mbola naka rano ho anay sy nampisotro rano ireo ondry aman'osy aza izy." [20]Dia hoy izy tamin'ireo zanany vavy hoe: "Dia aiza ary izy? Nahoana no nilaozanareo ralehilahy? Antsoy izy mba hiara-hisakafo amintsika."
[21]Nanaiky hiara-hipetraka tamin'ilay lehilahy i Mosesy, izay nanome azy an'i Zipora zanany vavy ihany koa mba ho vadiny. [22]Niteraka zazalahy izy, ary nantsoin'i Mosesy hoe Gersoma ny anarany; hoy izy hoe: "Efa vahiny aty amin'ny tanin'ny firenena hafa aho."
[23]Fotoana maro taty aoriana, dia maty ny mpanjakan'i Egypta. Nisento nohon'ny asa fanandevozana ireo Israelita. Niantso vonjy izy ireo, ary niakatra tany amin'Andriamanitra ny fitarainan'izy ireo nohon'ny fanandevozana azy ireo. [24]Rehefa ren'Andriamanitra ny senton'izy ireo, dia nahatsiaro ny fanekeny tamin'i Abrahama, tamin'i Isaka, ary tamin'i Jakoba Andriamanitra. [25]Hitan'Andriamanitra ireo Israelita, ka tsapany ny nahazo azy ireo.

3 [1]Ary mbola niandry ny ondry aman'osin'i Jetro rafozany, ilay mpisoron'ny Midiana ihany i Mosesy. Dia nentin'i Mosesy tany ankoatry ny efitra ny ondry aman'osy ka tonga tany Horeba, ilay tendrombohitr'Andriamanitra. [2]Teo no nisehoan'ilay anjelin'i Yaveh taminy tamin'ny lelan'afo tao anaty voaroy. Nijery i Mosesy, ary indro, nirehitra ilay voaroy, nefa ilay voaroy dia tsy nety levona. [3]Dia hoy Mosesy hoe: "Hanatona akaiky aho mba hizahako izao zava-mahagaga izao, nahoana no tsy levona ilay voaroy."
[4]Koa rehefa hitan'i Yaveh fa nanatona akaiky izy mba hizaha, dia niantso azy avy eo amin'ilay voaroy Andriamanitra ka nanao hoe: "Mosesy, Mosesy." Dia hoy Mosesy hoe: "Inty aho." [5]Dia hoy Andriamanitra hoe: "Aza manakaiky loatra! Esory eny an-tongotrao ny kiraronao, fa ny toerana izay ijoroanao dia tany efa voatokana ho Ahy." [6]Nampiany hoe: "Izaho no Andriamanitry ny razanao, Andriamanitr'i Abrahama, Andriamanitr'Isaka, ary Andriamanitr'i Jakoba." Dia nanarona ny tavany iMosesy, satria natahotra ny hijery an'Andriamanitra izy.
[7]Hoy Yaveh hoe: "Hitako tokoa ny fahorian'ny vahoakako izay tao Egypta. Efa reko ny fitarainan'izy ireo nohon'ny amin'ireo mpifehy azy, satria fantatro ny momban'ny fijalian'izy ireo. [8]Koa nidina aho mba hanafaka azy ireo amin'ny fahefan'ireo Egyptiana ary hitondra azy ireo hiakatra avy amin'izany tany izany ho any amin'ny tany soa, sy midadasika, ho any amin'ny tany tondra-dronono sy tantely; ho any amin'ny faritr'ireo Kananita, Hetita, Amorita, Perizita, Hivita, ary ireo Jebosita.
[9]Ankehitriny efa tonga aty amiko ireo fitarainan'ny vahoakan'i Israely. Ary koa, efa hitako ny fampahoriana nataon'ireo Egyptiana. [10]Noho izany, haniraka anao ho any amin'i Farao Aho mba hahafahanao hitondra ny vahoakako, ireo Israelita, hiala ao Egypta."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Saingy hoy i Mosesy tamin'Andriamanitra hoe: "Iza moa aho, no handeha any amin'i Farao ka hitondra ireo Israelita hiala ao Egypta?" [12]Dia namaly Andriamanitra hoe: "Homba anao tokoa Aho. Izao no famantarana ho anao fa efa naniraka anao Aho. Rehefa tafavoakanao avy ao Egypta ny vahoaka, dia hanompo Ahy eto amin'ity tendrombohitra ity ianareo."
[13]Dia hoy Mosesy tamin'Andriamanitra hoe: "Raha ho any amin'ireo Israelita aho ka hilaza amin'izy ireo hoe: 'Ny Andriamanitry ny razanareo no naniraka ahy ho aty aminareo,' ka raha hoy izy ireo amiko hoe: 'Iza no anarany?' Dia inona no ho lazaiko amin'izy ireo?" [14]Dia hoy Andriamanitra tamin'i Mosesy hoe: "IZAHO NO IZAHO." Dia hoy Andriamanitra hoe: "Tsy maintsy hilazanao ireo Israelita hoe: 'IZAHO no naniraka ahy ho aty aminareo.'" [15]Dia hoy ihany koa Andriamanitra tamin'i Mosesy hoe: 'Yaveh, Andriamanitry ny razanareo, Andriamanitr'i Abrahama, Andriamanitr'Isaka, Andriamanitr'i Jakoba, no naniraka ahy ho aty aminareo. Izany no anarako mandrakizay, izany no hatsiarovana Ahy hatramin'ny taranaka fara-mandimby rehetra.'
[16]Mandehana ka vorio miaraka ireo loholon'ny Israely. Lazao amin'izy ireo hoe: "Yaveh, Andriamanitry ny razanareo, Andriamanitr'i Abrahama, Andriamanitr'Isaka, Andriamanitr'i Jakoba, efa niseho tamiko ka nanao hoe: "Efa nandinika anareo tokoa aho, ary nahita izay natao taminareo tany Egypta." [17]Efa nampanantena Aho fa hitondra anareo hiala amin'ny fampahoriana ao Egypta ho any amin'ny tanin'ireo Kananita, Hetita, Amorita, Perizita, Hivita, ary ireo Jebosita, tany tondra-dronono sy tantely." [18]Hihaino anao izy ireo. Tsy maintsy mankany amin'ny mpanjakan'i Egypta ianao sy ireo loholon'Israely, ka izao no tsy maintsy ho lazainareo aminy hoe: "Yaveh, Andriamanitry ny Hebreo, dia efa nihaona taminay. Koa aoka izahay handeha hateloana any an'efitra, mba hahafahanay hanao sorona ho an'i Yaveh, Andriamanitray.'
[19]Nefa fantatro fa tsy hamela anareo handeha ny mpanjakan'i Egypta, raha tsy hoterena izy. [20]Haninjitra ny tanako Aho ary hanafika ireo Egyptiana amin'ireo fahagagana izay ho ataoko eo amin'izy ireo. Rehefa afaka izany dia hamela anareo handeha izy. [21]Dia hampahitako fitia amin'ny Egyptiana ireo vahoaka ireo, koa rehefa handeha ianareo, dia tsy handeha amin'ny tanam-polo. [22]Ny vehivavy rehetra dia hangataka firavaka volafotsy sy volamena ary fitafiana amin'ireo Egyptiana mpiara-monina aminy sy izay vehivavy rehetra mitoetra ao an-tranon'ireo mpiara-monina aminy. Hampitondranareo ny zanakareo lahy sy ny zanakareo vavy izany. Izany no fomba handrobanareo ny Egyptiana."

4 [1]Namaly Mosesy hoe: "Saingy ahoana raha tsy mino ahy izy ireo na tsy mihaino ahy fa hiteny kosa hoe: 'Tsy niseho taminao ve Yaveh'?" [2]Hoy Yaveh taminy: "Inona iny an-tananao iny?" Namaly Mosesy hoe: "Tehina." [3]Hoy Yaveh hoe: "Atsipazo eo amin'ny tany izany." Nanipy izany tamin'ny tany i Mosesy, ary nivadika bibilava izany. Nandositra izany i Mosesy.
[4]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Ahinjiro ny tananao ary raiso amin'ny rambony io." Koa dia naninjitra izy ary nandray ilay bibilava. Dia lasa tehina teny an-tanany indray izany. [5]"Izany dia mba hahafahan'izy ireo mino fa Yaveh, ilay Andriamanitry ny razan'izy ireo, Andriamanitr'i Abrahama, Andriamanitr'Isaka, ary Andriamanitr'i Jakoba, no efa niseho taminao."
[6]Hoy ihany Yaveh taminy hoe: "Izao dia atsofohy ao anaty akanjonao ny tananao." Dia natsofok'i Mosesy tao anaty akanjony ny tanany. Rehefa namoaka izany izy, indro, boka ny tanany, fotsy tahaka ny oram-panala. [7]Hoy Yaveh: "Atsofohy ao anaty akanjonao indray ny tananao." Dia natsofok'i Mosesy tao anaty akanjony ny tanany, ary rehefa navoakany izany, dia hitany fa sitrana indray izany, toy ny ambin'ny nofony rehetra.
[8]Hoy Yaveh hoe: "Raha tsy mino anao izy ireo—raha tsy miraharaha ny famantarana voalohany ny heriko na tsy mino izany izy ireo, dia hino ny famantarana faharoa. [9]Raha tsy mino na dia ireo famantarana ny heriko roa ireo aza izy ireo, na tsy mihaino anao, dia manovoza rano any amin'ny renirano ary hararaho amin'ny tany maina izany. Ny rano izay ho alainao dia hivadika rà eo amin'ny tany maina."
[10]Dia hoy Mosesy tamin'i Yaveh hoe: "Ry Tompo, tsy mahay mandaha-teny aho, na tamin'ny lasa na hatramin'ny niresahanao tamin'ny mpanomponao. Miadam-piteny sy miraiki-dela aho." [11]Hoy Yaveh taminy hoe: "Iza ilay nanamboatra ny vavan'ny olona? Izay nanao ny olona ho moana na marenina na mahiratra na jamba? Moa tsy Izaho, Yaveh? [12]Noho izany mandehana, ary Izaho momban'ny vavanao ary hampianatra anao izay ho lazaina." [13]Fa hoy Mosesy: "Ry Tompo, maniraha olona hafa, izay sitrakao hirahina."
[14]Dia tezitra tamin'i Mosesy Yaveh. Hoy Izy hoe: "Ahoana ny momba an'i Arona rahalahinao, ilay Levita? Fantatro fa afaka miteny tsara izy. Fanampin'izany, ho avy hihaona aminao izy, ary rehefa mahita anao izy, dia ho faly ao am-pony. [15]Hiteny aminy ianao ary hametraka ny teny hotenenina eo am-bavany. Izaho homba ny vavanao sy ny vavany, ary hasehoko anareo roa izay hatao. [16]Hiteny amin'ny vahoaka ho anao izy. Ho vavanao izy, ary aminy ianao dia ho tahaka Ahy, Andriamanitra. [17]Ho entinao eo an-tananao io tehina io. Amin'izany no hanaovanao ireo famantarana."
[18]Dia niverina tany amin'i Jetro rafozan-dahiny i Mosesy ary niteny taminy hoe: "Avelao aho handeha mba hahafahako miverina any amin'ireo havako izay any Egypta ary hijery raha mbola velona izy ireo." Hoy Jetro tamin'i Mosesy hoe: "Mandehana amim-piadanana." [19]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy tany Midiana hoe: "Mandehana, miverena any Egypta, fa efa maty ireo lehilahy rehetra izay nikasa haka ny ainao." [20]Naka ny vadiny sy ireo zanany lahy i Mosesy ary nametraka azy ireo teo ambon'ny boriky. Niverina tany amin'ny tanin'i Egypta izy, ary noraisiny teny an-tanany ny tehin'Andriamanitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Rehefa miverina any Egypta ianao, aoka ho ataonao eo anatrehan'i Farao ireo fahagagana rehetra izay efa napetrako teo amin'ny fahefanao. Saingy hanamafy ny fony Aho, ary tsy hamela ireo vahoaka handeha izy. [22]Tsy maintsy hiteny an'i Farao ianao hoe: 'Izao no nolazain'i Yaveh: Israely dia zanako lahy, lahimatoako, [23]ary milaza aminao Aho: "Avelao handeha ny zanako, mba hahafahany manompo Ahy." Fa satria nandà ny hamela azy andeha ianao, dia hovonoiko tokoa ny zanakao lahy, dia ny lahimatoanao.'"
[24]Ary teny an-dalana, rehefa nijanona ho amin'ny alina izy ireo, dia nihaona tamin'i Mosesy ary nikasa hamono azy Yaveh. [25]Dia naka fiharatra vato i Zipora ary namora ny zanany lahy, ary nanakasoka izany tamin'ny tongony. Dia hoy izy: "Azo antoka fa vady amin'ny alalan'ny rà amiko ianao." [26]Dia namela azy irery Yaveh. Hoy izy hoe: "Vady amin'ny alalan'ny rà ianao" nohon'ilay famorana.
[27]Hoy Yaveh tamin'i Arona hoe: "Mandehana any an'efitra mba hihaona amin'i Mosesy." Nandeha i Arona, nihaona taminy tany an-tendrombohitr'Andriamanitra, ary nanoroka azy. [28]Nolazain'i Mosesy tamin'i Arona avokoa ireo Tenin'i Yaveh izay nanirahany azy ho lazaina sy ny momba ireo famantaran'ny fahefan'i Yaveh rehetra izay nandidiany azy ho ataony.
[29]Dia nandeha i Mosesy sy Arona ary namory ireo loholon'ireo Israelita rehetra. [30]Nambaran'i Arona avokoa ireo teny rehetra izay nolazain'i Yaveh tamin'i Mosesy. Nampihariharіany teo imason'ireo vahoaka ihany koa ireo famantaran'ny herin'i Yaveh. [31]Dia nino ny vahoaka. Rehefa henon'izy ireo fa efa nandinika ireo Israelita Yaveh ary efa nahita ny fampahoriana azy ireo, dia nampiankohoka ny lohany izy ireo ary nanompo Azy.

5 [1]Taorian'ny nitrangan'ireo zavatra ireo, dia nandeha tany amin'i Farao i Mosesy sy Arona ary niteny hoe: "Izao no lazain'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, hoe: 'Avelao ny oloko andeha, mba hanaovan'izy ireo firavoravona ho Ahy any an'efitra.'" [2]Hoy Farao hoe: "Fa iza moa izany Yaveh izany? Nahoana aho no tokony hihaino ny teniny ary hamela an'Israely handeha? Tsy mahafantatra an'i Yaveh aho; ary fanampin'izany, tsy hamela an'Israely handeha aho."
[3]Hoy izy ireo hoe: "Efa nihaona taminay ny Andriamanitr'ireo Hebreo. Avelao izahay andeha hateloana any an'efitra ary hanao sorona ho an'i Yaveh Andriamanitray mba tsy hanafihany anay amin'ny loza na amin'ny sabatra." [4]Fa hoy ny mpanjakan'i Egypta tamin'izy ireo hoe: "Ry Mosesy sy Arona, nahoana ianareo no manala ny olona amin'ny asan'izy ireo? Miverena amin'ny asanareo." [5]Hoy ihany koa izy hoe: "Ankehitriny misy vahoaka Hebreo maro eto amn'ny taninay, ary mampitsahatra azy ireo amin'ny asany ianareo."
[6]Tamin'io andro io ihany, dia nanome baiko tamin'ireo mpampiasa sy ireo mpiambina i Farao. Hoy izy hoe: [7]"Tsy tahaka ny teo aloha, aoka tsy hanome mololo hanaovana biriky ho an'ny olona intsony ianareo. Avelao izy ireo handeha ary hanangona mololo ho an'ny tenan'izy ireo. [8]Na izany aza, dia tokony mbola hitaky ny isan-biriky mitovy tamin'ny nataon'izy ireo teo aloha ihany ianareo. Aza manaiky izay vitsy noho izany, satria kamo izy ireo. Izany no mahatonga azy ireo miantso mafy sy miteny hoe: 'Avelao izahay andeha sy hanao sorona ho an'ny Andriamanitray.' [9]Ampitomboy ny ora hiasana ho an'ireo lehilahy mba hifantohan'izy ireo amin'izany ka tsy hihaino teny fitaka intsony."
[10]Koa dia nandeha nampahafantatra ny vahoaka ny olon'ny mpampiasa sy ireo mpiambina. Hoy izy ireo hoe: "Izao no lazain'i Farao hoe: 'Tsy hanome mololo ho anareo intsony aho. [11]Aoka ianareo ihany no handeha ka haka mololo na aiza na aiza ahitanareo izany, saingy tsy hihena ny asanareo'"
[12]Koa dia niely nanerana ny tany Egypta manontolo ireo olona mba hanangona vodivary hatao mololo. [13]Ary ireo mpampiasa nanohy nandrisika azy ireo ka niteny hoe: "Vitao ny asanareo, tahaka ny tamin'ny fotoana nanomezana mololo anareo." [14]Nikapoka ny mpiambina Israelita ireo mpampiasan'i Farao, ireo lehilahy izay efa nampiandraiketin'izy ireo an'ireo mpiasa ihany. Nanontany azy ireo hatrany ny mpampiasa hoe: "Nahoana ianareo no tsy namokatra ny biriky rehetra izay notakiana taminareo, na omaly na androany, toy ny fanaonareo taloha?"
[15]Koa dia nanatona an'i Farao ireo mpiambina Israelita ka nitaraina taminy hoe: "Nahoana ianao no mitondra ireo mpanomponao tahaka izao? [16]Tsy hisy mololo homena ireo mpanomponao intsony, kanefa izy ireo dia mbola miteny anay hoe: 'Manamboara biriky!' Izahay, mpanomponao, dia kapohina mihitsy aza ankehitriny, kanefa fahadisoan'ny vahoakanao ihany izany." [17]Fa hoy Farao hoe: "Kamo ianareo! Kamo ianareo! Hoy ianareo hoe: 'Avelao izahay handeha hanao sorona ho an'i Yaveh.' [18]Koa ankehitriny mandehana miverina amin'ny asanareo. Tsy hisy mololo homena anareo intsony, fa tsy maintsy mbola manao isam-biriky mitovy ihany ianareo."
[19]Hitan'ireo mpiambina Israelita fa tafalatsaka tanaty kizo izy ireo rehefa nolazaina hoe: "Tsy mahazo mampihena ny isam-biriky vokarina isan'andro ianareo." [20]Nihaona tamin'i Mosesy sy Arona izy ireo, izay nijoro tany ivelan'ny lapa, raha nandeha avy tao amin'i Farao izy ireo. [21]Hoy izy ireo tamin'i Mosesy sy Arona hoe: "Hijery anareo anie i Yaveh ary hanasazy anareo, satria nataonareo nangidy hoditra teo imason'i Farao sy ireo mpanompony izahay. Nasianareo sabatra ny tanan'izy ireo mba hamonoana anay."
[22]Nandeha niverina tany amin'i Yaveh i Mosesy ary niteny hoe: "Ry Tompo, nahoana Ianao no nampidi-doza ireo olona ireo? Nahoana aho no nalefanao voalohany? [23]Isaky ny nanatona an'i Farao hitondra ny hafatrao aho, dia nitondra fikorontanana ho an'ireo olona izy, ary tsy nanafaka ny olonao mihitsy Ianao."

6 [1]Ary Yaveh niteny tamin'i Mosesy hoe: "Anio no hahitanao izay ho ataoko amin'i Farao. Ho hitanao izany, fa hamela azy ireo handeha izy nohon'ny tanako mahery. Noho ny tanako mahery, handroaka azy ireo hiala amin'ny taniny izy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[2]Andriamanitra niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe: "Izaho no Yaveh, [3]Amin'ny maha-Ray Tsitoha Ahy no nisehoako tamin'i Abrahama, Isaka ary Jakoba; fa amin'ny anarako, Yaveh, dia tsy nahalala Ahy izy ireo. [4]Nametraka fifanekena tamin'izy ireo ihany koa Aho, mba hanomezana azy ireo ny tanin'i Kanana, tany izay nitoeran'izy ireo amin'ny maha mpiavy azy, tany izay nivezivezen'izy ireo. [5]Ary koa, nahare ny fitarainan'ny Israelita izay nandevozin'ny Egyptianina ihany koa Aho, ka tsaroako ny fanekeko.
[6]Noho izany, lazao ireo Israelita hoe: 'Izaho no Yaveh. Hanafaka anareo amin'ny fanandevozan'ny Egyptiana Aho, ary ho afahako amin'ny heriny ianareo. Hanavotra anareo amin'ny fampisehoana ny heriko Aho, ary amin'ireo asa fitsarana mafy. [7]Ho alaiko ho vahoakako ianareo, ary Izaho ho Andriamanitrareo. Ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh Andriamanitrareo, izay nanafaka anareo teo ambanin'ny fanandevozan'ny ireo Egyptiana.
[8]Ho entiko any amin'ny tany izay efa nampanantenaiko tamin'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba ianareo. Dia homeko ho fananananareo izany. Izaho no Yaveh.'" [9]Rehefa niteny izany tamin'ireo Israelita i Mosesy, dia tsy nihaino azy izy ireo nohon'ny hakivian'izy ireo mahakasikany fanandevozana mafy azy ireo.
[10]Koa niteny tamin'i Mosesy i Yaveh ka nanao hoe: [11]"Andeha lazao i Farao, mpanjakan'i Egypta, mba hamela ny vahoakan'Israely hiala ao amin'ny taniny. [12]Hoy i Mosesy niteny tamin'i Yaveh hoe: "Raha tsy nihaino Ahy ireo Israelita, nahoana i Farao no hihaino ahy, satria tsy dia mahay mandaha-teny aho?"[13]Dia niteny tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh. Nanome baiko azy ireo ho an'ireo Israelita sy ho an'i Farao, mpanjakan'i Egypta Izy, mba hitondra ireo Israelita hiala ny tany Egypta.
[14]Ireto no lohan'ny fianakavian'ny razamben'izy ireo: ireo zanaka lahin-dRobena, lahimatoan'Israely, dia i Hanoka, Palo, Hezrona, ary Karmy. Ireto no fokon'ny razamben'i Robena. [15]Ireo zanaka lahin'i Simeona dia Jemoela, Jaminasy, Ohada, Jakinasy, Zohara, ary Saoly_ny zanak'ilay vehivavy Kananita. Ireo no razamben'ny fokon'i Simeona.
[16]Ireto tanisaina ireto no zanaka lahin'i Levy, miaraka amin'ny taranak'izy ireo. Izy ireo dia i Gersona, Kehata, ary i Merary. Niaina hatramin'ny faha 137 taonany i Levy. [17]Ireo zanaka lahin'i Gersona dia i Libny sy i Simey. [18]Ireo zanaka lahin'i Kehata dia i Amrama, Jizara, Hebrona, ary i Oziela. Niaina hatramin'ny faha telo amby telopolo amby zato taonany i Kehata. [19]Ireo zanaka lahin'i Merary dia i Maly sy Mosy. Ireo no lasa razamben'ny fokon'ireo Levita, miaraka amin'ireo taranany.
[20]Dia nanambady an'i Jekebeda i Amrama, anabavin'ny rainy. Niteraka an'i Arona sy i Mosesy taminy izy. Niaina 137 taona i Amrama dia maty avy eo. [21]Ireo zanaka lahin'i Jezara dia i Nafega, sy i Zikry. [22]Ireo zanaka lahin'i Oziela dia i Misaela, Elzafana, ary i Sitry.
[23]Nanambady an'i Eliseba i Arona, zanaka vavin'i Aminadaba, anabavin' i Nasona. Niteraka an' i Nadaba, Abiho, Eleazara, ary i Itamara taminy izy. [24]Ireo zanaka lahin'i Kora dia i Asira, Elkana, ary i Abiasafa. Ireo no razamben'ny fokon'ny Koraita. [25]Eleazara, zanaka lahin'i Arona, nanambady ny iray tamin'ireo zanaka vavin'i Potiela. Niteraka an'i Fineasa taminy izy. Ireo no lohan'ny fianakaviana teo amin'ireo Levita, miaraka amin'ireo taranany.
[26]Ireo lehilahy roa ireo dia i Arona sy Mosesy izay nitenenan'i Yaveh hoe: "Ento miala ny tany Egypta ireo Israelita, amin'ny alalan'ireo vondron-dehilahy mpiady."[27]Arona sy Mosesy niteny tamin'i Farao, mpanjakan'i Egypta, mba hamela azy ireo hamoaka ireo Israelita avy ao Egypta. Ilay Mosesy sy Arona ihany ireo.
[28]Rehefa niteny tamin'i Mosesy tao amin'ny tany Egypta Yaveh, [29]dia hoy Izy taminy hoe: "Izaho no Yaveh. Lazao amin'i Farao, mpanjakan'i Egypta, izay rehetra holazaiko aminao." [30]Fa Mosesy niteny tamin'i Yaveh hoe: "Tsy dia mahay miteny aho, ka ahoana no hihainoan'i Farao ahy?"

7 [1]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Indro, nanao anao toy ny andriamanitra ho an'i Farao Aho. Arona rahalahinao no ho mpaminaninao. [2]Ianao no hilaza ny zavatra rehetra izay handidiako anao ho teneninao. Hiresaka amin'i Farao i Arona rahalahinao mba hamelany ny vahoakan'Israely hiala amin'ny taniny.
[3]Fa hanamafy ny fon'i Farao aho, ary izaho haneho famantarana ny heriko maro, sy fahagagana maro, any amin'ny tany Egypta. [4]Nefa tsy hihaino anao i Farao, noho izany dia hametraka ny tanako ao Egypta aho ary hamoaka ireo vondrona lehilahy mpiady, ny vahoakako, sy ireo zanak'i Israely, hiala ny tany Egypta amin'ny famaizana lehibe. [5]Dia ho fantatry ny Egyptiana fa izaho no Yaveh rehefa hanatsotra ny tanako amin'ny Egypta sy hanafaka ireo Israelita tsy ho eo amin'izy ireo Aho."
[6]Dia nanao toy izany i Mosesy sy Arona; araka izay nandidian'i Yaveh azy ireo. [7]Valopolo taona i Mosesy, ary telo amby valopolo taona i Arona rehefa niresaka tamin'i Farao izy ireo.
[8]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy sy tamin'i Arona hoe: [9]"Rehefa miteny aminao i Farao hoe: 'Manaova fahagagana,' dia hiteny an'i Arona ianao hoe: 'Raiso ny tehinanao ary atsipazo eo anoloan'i Farao, mba hivadika bibilava izany.'" [10]Dia nankany amin'i Farao i Mosesy sy i Arona, ary nanao araka izay nandidin' Yaveh izy ireo. Natsipin'i Arona teo anoloan'i Farao sy ireo mpanompony ilay tehiny, ka lasa bibilava izany.
[11]Nantsoin'i Farao ihany koa ireo olon-kendriny sy ireo mpanao ody. Ka nanao toy izany koa izy ireo tamin'ny alalan'ny odin'izy ireo. [12]Nanipy ny tehiny ny lehilahy tsirairay, ary lasa bibilava ireo tehina ireo. Nefa natelin'ny tehin'i Arona ny bibilavan'izy ireo. [13]Nihamafy ny fon'i Farao, ary tsy nihaino izy, araka ny efa nolazain'i Yaveh mialoha.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Mafy ny fon'i Farao, ary tsy manaiky ny handehan'ireo vahoaka. Mandehana vao
maraina any amin'i Farao rehefa mivoka ho any amin'ny rano izy. [15]Mijanona eny amin'ny amoron'ny renirano mba
hihaona aminy, ary raiso eny an-tananao ilay tehina izay nivadika bibilava.
[16]Lazao izy hoe: 'Yaveh, Andriamanitr'ireo Hebreo, no efa nandefa ahy aty aminareo hiteny hoe: "Avelao ny oloko
handeha, mba hanompoan'izy ireo ahy any an-tany efitra. Efa tsy nihaino ianao mandraka ankehitriny." [17]Izao no lazain'i
Yaveh: "Amin'izao no hahalalanao fa izaho no Yaveh. Hikapoka ny reniranon'i Neily amin'ny tehina izay ety an-tanako
aho, ka hivadika rà ny renirano. [18]Ny trondro izay ao anatin'ny renirano dia ho faty, ary dia hamofona maimbo ny
renirano. Tsy ho afaka ny hisotro ny rano avy amin'ny renirano ireo Egyptiana.'"'
[19]Ary hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Teneno i Arona hoe: 'Raiso ny tehinao ary ahinjiro miaraka amin'ny tananao eo
amin'ny ranon'ny Egypta, ary eo amin'ireo reniranon'izy ireo, ireo rano mandeha, ny farihy, sy ny dobo izy ireo rehetra,
mba hivadika rà ireo rano ireo. Ataovy izany mba hisy rà manerana ny tany Egypta rehetra, na ao amin'ny fitoeran-kazo
sy vato aza.'"
[20]Nanao araka izay nandidian'i Yaveh i Mosesy sy Arona. Nanandratra ny tehiny Arona ary nokapohiny ilay rano teny
amin'ny renirano, teo imason'i Farao sy ireo mpanompony. Ary nivadika rà ny rano rehetra teny amin'ny renirano. [21]Maty
ireo hazandrano tao anaty renirano, ary nanomboka namofona maimbo ny renirano. Tsy afaka nisotro rano avy tao
amin'ny renirano ireo Egyptiana, ary feno rà maneranany tany Egypta. [22]Fa nanao toy izany tamin'ny odin'izy ireo ihany
koa ireo mpanao odin'i Egypta. Koa dia nihamafy ny fon'i Farao, ary nandà tsy hihaino an'i Mosesy sy Arona izy, araka
izay efa nolazain'i Yaveh fa hiseho.
[23]Dia nitodika i Farao ary niverina tao an-tranony. Tsy norarahiany akory izany. [24]Nandavaka rano ho sotroina nanodidina
ny renirano ireo Egyptiana rehetra, nefa tsy afaka misotro ny ranon'ny ony izy ireo. [25]Fito andro no lasa taorian'ny
namelezan'i Yaveh ny renirano.

8 [1]Ary Yaveh niteny tamin'i Mosesy hoe: "Mandehana any amin'i Farao ary lazao izy hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh: "Aoka ny
vahoakako handeha mba hahafahan'izy ireo manompo ahy. [2]Raha tsy mamela azy ireo handeha ianao, dia hampahory
ny firenenao manontolo amin'ny sahona Aho. [3]Ho feno sahona ny renirano. Hiakatra ireo ary hiditra ao an-tranonao, ny
efitrano fatorianao, sy ny fandrianao. Ho any amin'ny tranon'ireo mpanomponao ireo. Ho any amin'ny olonao, ny
lafaoronao, ary ireo lovia jobo fanaovanao mofo. [4]Hanafika anao, ny vahoakanao, ary ny mpanomponao rehetra ireo
sahona."'"
[5]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Lazao i Arona hoe: 'Ahinjiro eo ambonin'ny renirano, ny lakan-drano, sy ireo dobo ny
tananao sy ny tehinao, ary ento hanenika ny tany Egypta ny sahona.'" [6]Dia nahinjitr'i Arona teo amin'ny ranon'i Egypta ny
tanany, ka tonga ireo sahona ary nandrakotra ny tany Egypta. [7]Nefa nanao torak'izany ihany koa ireo ombiasy tamin'ny
odin'izy ireo: nitondra sahona niakatra ny tany Egypta izy ireo.
[8]Ary niantso an'i Mosesy sy Arona i Farao ka nilaza hoe: "Mivavaha amin'i Yaveh mba hanaisotra ny sahona eto amiko sy
amin'ireo vahoakako. Dia hamela ny olona handeha aho, mba hahafahan'izy ireo manao sorona ho Azy." [9]Hoy Mosesy
tamin'i Farao hoe: "Ianao dia manana fahafahana hilaza amiko hoe rahoviana aho no tokony hivavaka ho anao, ireo
mpanomponao, ary ireo vahoakanao aho, mba hanesorana ireo sahona eo aminao sy ny ankohonanao ka hijanona any
an-drenirano ihany."
[10]Farao nilaza hoe: "Rahampitso." Ary Mosesy nilaza hoe: "Aoka hatao araka ny teninao izany, mba hahalalanao fa tsy
misy tahaka an'i Yaveh, ilay Andriamanitray. [11]Hiala eo aminao, ny tranonao, ireo mpanomponao, ary ireo vahoakanao ny
sahona. Fa hijanona eo amin'ny renirano ihany. [12]Nivoaka niala teo amin'ny Farao i Mosesy sy Arona. Ary Mosesy nihiaka
mafy tamin'i Yaveh mahakasika ny sahona izay nentiny teo amin'ny Farao.
[13]Ary Yaveh nanao araka izay nangatahin'i Mosesy: maty tao amin'ireo trano, tokotany, sy saha ireo sahona.
[14]Nangonin'ireo vahoaka nitsitokotoko ireo, ka dia namofona ny tany. [15]Nony hitan'i Farao fa nisy fitoniana, dia
nohamafisiny ny fony ary tsy nihaino an'i Mosesy sy Arona izy, araka ny nolazain'i Yaveh fa ho ataony.
[16]Yaveh nilaza tamin'i Mosesy hoe: "Lazao i Aarona hoe: 'Ahinjiro ny tehinao ary kapohy ny vovoka eo amin'ny tany, mba
ho tonga moka manerana ny tany Egypta rehetra.'" [17]Nanao toy izao izy ireo: Nahinjitr'i Arona ny tanany sy ny tehiny.
Nokapohiny ny vovoka teo amin'ny tany. Ary tonga teo amin'ny olona ny moka sy ny biby. Tonga moka avokoa ny vovoka
rehetra nanerana ny tany Egypta.
[18]Ireo ombiasy dia niezaka ny hampisy moka tamin'ny odin'izy ireo, fa tsy afaka izy ireo. Nisy moka teo amin'ny olona sy
ny biby. [19]Dia hoy ireo ombiasy tamin'i Farao hoe: "Tanan'Andriamanitra izao." Fa nihamafy kosa ny fon'i Farao, ka nandà
ny hihaino azy ireo izy. Izany dia tahaka ny efa nolazain'i Yaveh fa hataon'i Farao.
[20]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Mifohaza maraina be ary mitsangana manoloana an'i Farao rehefa miala ho any amin'ny
renirano izy. Lazao izy hoe: 'Izao no nolazain'i Yaveh: "Aoka ny oloko handeha mba hahafahan'izy ireo manompo Ahy.
[21]Fa raha tsy avelanao handeha ny oloko, dia handefa andian-dalitra eo aminao, ireo mpanomponao, sy ireo olonao, ary
ireo izay ao an-tranonao Aho. Ny tranon'ireo Egyptiana dia ho feno andian-dalitra, ary na ny tany izay hitsanganan'izy
ireo aza dia ho feno lalitra.
[22]Fa amin'izany andro izany dia hitondra ny tanin'i Gosena amin'ny fomba hafa aho, ilay tany izay onenan'ny oloko, mba
tsy hisy andian-dalitra any. Izany dia hiseho mba hahalalanao fa Izaho no Yaveh eo afovoan'ity tany ity. [23]Hanao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fanavahana eo amin'ny vahoakako sy ny vahoakanao Aho. Izany famatarana ny heriko izany dia hitranga rahampitso.'"'
[24]Nanao izany i Yaveh, ka tonga tao an-tranon'i Farao sy ireo manompony ireo andian-dalitra matevina. Nanerana ny tany Egypta rehetra, simba ny tany noho ireo andian-dalitra.
[25]Nampiantso an'i Mosesy sy Arona i Farao ka nilaza hoe: "Mandehana, manaova sorona ho an'Andriamanitrareo ao amin'ny taninareo manokana." [26]Hoy i Mosesy hoe: "Tsy mety aminay ny manao izany, fa ireo sorona izay ataonay ho an'i Yaveh Andriamanitray dia maharikoriko ho an'ireo Egyptiana. Raha manao sorona marina eo imason'izy ireo izahy izay maharikoriko an'ireo Egyptiana, tsy ho torahan'izy ireo vato va izahay? [27]Tsia, ny mandeha hateloana makany an-efitra no tsy maintsy hataonay, mba hanaovana sorona ho an'i Yaveh Andriamanitray, araka ny nandidiany anay."
[28]Hoy i Farao hoe: "Hamela anareo handeha sy hanao sorona ho an'i Yaveh andriamanitrareo any an-efitra aho. Fa aoka kosa tsy handeha lavitra loatra ianareo. Mivavaha ho ahy." [29]Hoy i Mosesy hoe: "Vantany vao mivoaka avy ato aminao aho, dia hivavaka amin'i Yaveh mba hialan'ny andian-dalitra eo aminao, ry Farao, sy ireo mpanomponao ary ny vahoakanao rahampitso. Fa aoka ianao tsy hamitaka intsony amin'ny tsy famelana ny olonay handeha hanao sorona ho an'i Yaveh."
[30]Nivoaka avy tao amin'ny Farao i Mosesy ary nivavaka tamin'i Yaveh. [31]Nataon'i Yaveh izay nangatahin'i Mosesy: nanaisotra ny andian-dalitra teo amin'ny Farao, sy ireo mpanompony, ary ireo vahoakany Izy. Tsy nisy na iray aza tavela.
[32]Nefa Nanamafy ny fony ihany koa i Farao tamin'izany fotoana izany, ary tsy namela ny vahoaka handeha.

9 [1]Dia hoy i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Mankanesa any amin'i Farao ary lazao izy hoe: 'Ry Yaveh, Andriamanitry ny Hebreo, milaza izao: "Avelao ny vahoakako handeha mba hahafahan'izy ireo manompo Ahy." [2]Fa raha mandà ny hamela azy ireo handeha ianao, raha mbola mitazona azy ireo ianao, [3]dia ho eo amin'ny biby fiompinao eny an-tsaha ary ho eo amin'ireo soavaly, ampondra, rameva, omby, ary ireo ondry aman'osy ny tanan'i Yaveh, ary hiteraka areti-mandoza izany. [4]Samy hafa no hitondran'i Yaveh ny biby fiompin'i Israely sy ny biby fiompin'i Egypta: tsy hisy ho faty ny biby izay an'ireo Israelita.
[5]Efa nanendry fotoana i Yaveh; hoy Izy hoe: "Rahampitso no hanaovako izany zavatra izany eo amin'ny tany.'"' [6]Nataon'i Yaveh izany ny ampitso: maty ny biby fiompin'i Egypta rehetra. Nefa tsy nisy maty kosa ireo bibin'ireo Israelita, na biby iray aza. [7]Nanadihady i Farao, ary indro, tsy nisy maty na dia iray aza ireo bibin'ny Israelita. Fa mafy fo izy, ka tsy navelany handeha ireo vahoaka.
[8]Ary hoy i Yaveh tamin'i Mosesy sy Arona hoe: "Makà lavenona eran'ny tanana avy ao amin'ny lafaoro. Ianao, ry Mosesy, no tsy maintsy hanipy ireo lavenona eny amin'ny rivotra raha i Farao mijery iny. [9]Ho lasa vovoka madinika manerana ny tany Egypta rehetra izany. Hahatonga vay sy fery hipoitra amin'ireo vahoaka sy ireo biby manerana ny tany Egypta rehetra izany." [10]Koa dia naka lavenona avy tao amin'ny lafaoro i Mosesy sy Arona ary nijoro teo anoloan'i Farao. Dia natsipin'i Mosesy teny amin'ny rivotra ny lavenona. Nahatonga vay sy fery nipoitra tamin'ireo olona sy ireo biby ilay lavenona.
[11]Tsy nahatohitra an'i Mosesy ireo ombiasy noho ireo vay, satria namely azy ireo sy ireo Egyptiana hafa rehetra ny vay.
[12]Nanamafy ny fon'i Farao i Yaveh, ka tsy nihaino an'i Mosesy sy Arona i Farao. Izany dia araka ny nolazain'i Yaveh tamin'i Mosesy fa ho ataon'i Farao.
[13]Ary hoy i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Mifohaza maraim-be, mijoroa eo anoloan'i Farao, ary teneno izy hoe: "Yaveh, Andriamanitry ny Hebreo, niteny izao: "Avelao ny vahoakako handeha mba hahafahan'izy ireo manompo Ahy." [14]Fa amin'izany fotoana izany dia handefa ireo areti-mandringana rehetra amin'ny tenanao, amin'ireo mpanomponao, sy amin'ireo vahoakanao Aho. Hataoko izao mba hahafantaranao fa tsy misy toa Ahy amin'ny tany rehetra.
[15]Fa ankehitriny dia afaka naninjitra ny tanako ary namely anao sy ny vahoakanao tamin'ny aretina aho, ary ho lany ritra eto amin'ny tany ianareo. [16]Fa izao no antony namelako anareo ho velona: mba hanehoako aminareo ny heriko, mba hanambarana ny anarako manerana ny tany rehetra. [17]Mbola manandratra ny tenanao manohitra ireo vahoakako ihany ianao amin'ny tsy famelana azy ireo handeha.
[18]Henoy! Rahampitso amin'ny ora toy izao dia hitondra havandra mivatravatra be aho, izay mbola tsy nisy toa izany hita teto Egypta hatramin'ny niandohan'ny andro mandraka ankehitriny. [19]Ankehitriny dia, maniraha lehilahy ary angony ireo biby fiompinareo sy ny zavatra rehetra anananareo eny an-tsaha ho amin'ny toerana azo antoka. Ny olona rehetra sy ny biby izay eny an-tsaha ary tsy nentina nody—hilatsaka eo amin'izy ireo ny havandra, ary ho faty izy ireo.'"'
[20]Ary ireo mpanompon'i Farao izay nino ny hafatr'i Yaveh dia nitondra haingana ireo mpanompo sy ireo biby fiompin'izy ireo nankany an-trano. [21]Fa ireo izay tsy nandray ny hafatr'i Yaveh am-pamatorana dia namela ireo mpanompo sy ny biby fiompin'izy ireo teny an-tsaha.
[22]Dia hoy i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Ahinjiro mankany amin'ny lanitra ny tananao mba hisian'ny havandra amin'ny tany Egypta rehetra, amin'ny vahoaka, amin'ny biby, ary amin'ny zava-maniry rehetra eny an-tsaha manerana ny tany Egypta rehetra." [23]Naninjitra ny tehiny nankany amin'ny lanitra i Mosesy, ary Yaveh nandefa kotrok'orana, havandra, tselatra tamin'ny tany. Nandatsaka havandra tamin'ny tany Egypta ihany koa Izy. [24]Ary dia nisy havandra sy tselatra miharo havandra, nahery vaika, izay mbola tsy nisy tao amin'ny tany Egypta hatramin'ny naha firenena azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[25]Nanerana ny tany Egypta rehetra, namely ny zavatra rehetra tany an-tsaha, ary ny olona sy ireo biby ny havandra. Namely ny zava-maniry rehetra teny an-tsaha ary nanapaka ireo hazo izany. [26]Tao amin'ny tany Gosena ihany, izay nipetrahan'ireo Israelita, no tsy nisy havandra.
[27]Ary Farao naniraka lehilahy hiantso an'i Mosesy sy Arona. Hoy izy tamin'ireo hoe: "Efa nanota aho ankehihitriny. Yaveh dia marina, ary izaho sy ny vahoakako dia ratsy fanahy. [28]Mivavaha amin'i Yaveh, satria betsaka loatra ny varatra mahery sy ny havandra. Havelako handeha ianareo, ary tsy hijanona eto intsony ianareo."
[29]Hoy Mosesy taminy hoe: "Raha vantany vao miala eto amin'ity tanàna ity aho, hasandratro any amin'i Yaveh ny tanako. Hitsahatra ny kotroka, ary tsy hisy havandra intsony. Izany ny fomba hahafantaranao fa an'i Yaveh ny tany. [30]Fa ny aminao sy ireo mpanomponao, fantatro fa tsy mbola tena manome voninahitra an'i Yaveh Andriamanitra ianareo."
[31]Dia simba ny rongony sy ny vary hordea, fa ny vary hordea dia masaka am-potony, ary namony ny rongony. [32]Fa ny varim-bazaha sy ny apemby dia tsy naninona satria ireo dia efa vokatra taty aoriana. [33]Rehefa nandao an'i Farao sy ny tanàna i Mosesy, dia nasandrany ho amin'i Yaveh ny tanany; nitsahatra ny kotroka sy ny havandra, ary tsy nilatsaka intsony ny orana.
[34]Rehefa hitan'i Farao fa nitsahatra ny orana, ny havandra, ary ny kotroka, dia nanota indray izy ary nanamafy ny fony, niaraka tamin'ireo mpanompony. [35]Nihamafy ny fon'i Farao, ka tsy namela ny vahoakan'Israely nandeha izy. Izany dia araka ny nolazain'i Yaveh tamin'i Mosesy fa ho ataon'i Farao.

10 [1]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Mandehana any amin'i Farao, fa efa nohamafisiko ny fony sy ny fon'ireo mpanompony. Nataoko izany mba hanehoana ireo famantarana ny heriko eo amin'izy ireo. [2]Nataoko ihany koa izany mba hanambaranao amin'ireo zanakao sy zafikelinao izay zavatra vitako, ny hamafin'ny fomba nitondrako an'i Egypta, sy ny fomba nanomezako famantarana ny heriko isan-karazany teo amin'izy ireo. Amin'izany fomba izany no hahafantaranao fa Izaho no Yaveh."
[3]Koa dia nankany amin'i Farao i Mosesy sy Arona ka nanao taminy hoe: "Yaveh, ilay Andriamanitr'ireo Hebreo, dia nilaza izao: 'Hafiriana no handavanao tsy hanetry ny tenanao eo anatrehako? Avelao andeha ny oloko mba hanompoan'izy ireo Ahy. [4]Fa raha mandà tsy handefa ny oloko ianao, dia indro, hahatonga valala any amin'ny taninao Aho rahampitso.
[5]Handrakotra ny tany rehetra ireo ka tsy hisy afaka hahita ny tany. Hihinana izay sisa navelan'ny havandra ireo. Hihinana ny hazo rehetra eny an-tsaha izay maniry ho anao ihany koa ireo. [6]Hameno ireo tranonao, sy ny tranon'ireo mpanomponao, ary ny an'ireo Egyptiana rehetra ireo—zavatra tsy mbola fahitan'ny rainao na ny raibenao, tsy mbola fahita hatramin'ny andro naha-teto ambonin'ny tany azy ireo ka hatramin'izao.'" Avy eo dia lasa Mosesy ka niala teo amin'i Farao.
[7]Hoy ireo mpanompon'i Farao taminy hoe: "Mandra-pahoviana io lehilahy io no ho fampitahorana ho antsika? Avelao andeha ireo Israelita mba hanompoan'izy ireo an'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo. Tsy mbola hitanao fa efa rava ve Egypta?" [8]Dia nentina tany amin'i Farao indray Arona sy Mosesy, izay nilaza tamin'izy ireo hoe: "Mandehana manompo an'i Yaveh Andriamanitrareo. Saingy iza avy ireo olona handeha?"
[9]Hoy Mosesy hoe: "Handeha hiaraka amin'ny tanora sy ny antitray izahay, miaraka amin'ny zanaka lahy sy zanaka vavinay. Handeha hiaraka amin'ireo ondry aman'osy sy ombinay izahay, satria tsy maintsy manao firavoravoana ho an'i Yaveh." [10]Hoy i Farao tamin'izy ireo hoe: "Homba anareo tokoa anie i Yaveh, raha handefa anareo sy ny zanakareo aho. Indro, manana sainan--dratsy ianareo. [11]Tsia! Mandehana, ny lehilahy eo aminareo ihany, ka manompoa an'i Yaveh, satria izay no tadiavinareo." Dia nentina nivoaka teo anatrehan'i Farao i Mosesy sy i Arona.
[12]Dia hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Ahinjiro amin'ny tanin'i Egypta ny tananao ho an'ireo valala, mba hanafihan'ireo ny tanin'i Egypta ka hihinana ny zava-maniry ao amin'izany, ny zavatra rehetra izay sisa tsy potiky ny havandra." [13]Dia naninjitra ny tehiny tamin'ny tanin'i Egypta i Mosesy, ka nitondra rivotra avy any atsinanana tamin'ny tany Egypta i Yaveh nandritra ny andro sy alina iny. Nony maraina, dia nentin'ny rivotra avy any atsinanana ireo valala.
[14]Nandeha nanerana ny tany Egypta iray manontolo ireo valala ka nanenika ny faritra rehetra tao amin'izany. Tsy mbola nisy andiam-balala tahaka izany tao amin'ilay tany taloha, ary tsy hisy zavatra tahaka ity ho tonga aorian'ity.
[15]Nandrakotra ny tany iray manontolo ireo ka maizina ny tany. Nohanin'ireo avokoa ny zava-maniry tao amin'ilay tany sy ny voankazo rehetra teny amin'ny hazo izay sisa navelan'ny havandra. Nanerana ny tany Egypta manontolo, dia tsy nisy tafajanona na zava-maitso, na hazo na zava-maniry teny an-tsaha.
[16]Avy eo i Farao dia nampiantso faingana an'i Mosesy sy Arona ka nanao hoe: "Nanota tamin'i Yaveh Andriamanitrareo sy taminareo aho. [17]Koa ankehitriny, mamelà ny heloko amin'izao fotoana izao; ary mivavaha amin'i Yaveh Andriamanitrareo mba hanalany amiko ity fahafatesana ity." [18]Koa nivoaka avy tao amin'i Farao i Mosesy ary nivavaka tamin'i Yaveh.
[19]Nitondra rivotra mahery vaika avy any andrefana i Yaveh izay nitondra ireo valala ka namarina ireo ho any amin'ny Ranomasina Mena; tsy nisy na dia valala iray aza tavela tao amin'ny fari-tanin'i Egypta rehetra. [20]Fa nohamafisin'i Yaveh ny fon'i Farao, ka tsy navelan'i Farao handeha ireo Israelita.
[21]Dia hoy i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Ahinjiro mankany amin'ny lanitra ny tananao, mba hisy haizina eo amin'ny tany Egypta, haizina izay azo tsapaina." [22]Naninjitra ny tanany nankany amin'i lanitra Mosesy, ka dia nisy haizina matevina teo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

amin'ny tany nanerana an'i Egypta nandritra ny telo andro. [23]Tsy nisy nifankahita ny olona; tsy nisy nivoaka tao an-tranony nandritra ny telo andro. Kanefa, nanana fahazavana kosa ireo Israelita teo amin'ny toerana nipetrahan'izy ireo.
[24]Nampiantso an'i Mosesy i Farao ka nanao hoe: "Mandehana manompo an'i Yaveh. Afaka mandeha miaraka aminao na ny fianakavianao aza, fa ireo ondry aman'osinao sy ireo omby kosa dia tsy maintsy hajanona." [25]Fa hoy Mosesy hoe: "Tsy maintsy homenao biby atao sorona sy fanatitra dorana ihany koa izahay mba hanaovanay sorona azy ireo ho an'i Yaveh Andriamanitray. [26]Tsy maintsy miaraka aminay ihany koa ireo biby fiompinay; ka tsy hisy havela na dia kitro iray amin'ireo aza, fa tsy maintsy entinay hanompoana an'i Yaveh Andriamanitray ireo. Satria tsy fantatray hoe amin'ny inona no tsy maintsy hanompoanay an'i Yaveh mandra-pahatonganay any.
[27]Fa nohamafisin'i Yaveh ny fon'i Farao, ka tsy hamela azy ireo andeha izy. [28]Hoy Farao tamin'i Mosesy hoe: "Mialà amiko! Fa mitandrema amin'ny zavatra iray, dia ny tsy hahitanao ahy intsony, satria amin'ny andro hahitanao ny tavako, dia ho faty ianao." [29]Hoy Mosesy hoe: "Voalazanao mihitsy. Tsy hahita ny tavanao intsony aho."

11 [1]Dia hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Mbola misy areti-mandringana iray izay ho entiko amin'i Farao sy Egypta. Aorian'izay, dia hamela anareo handeha hiala eto izy. Rehefa mamela anareo izy ny farany, dia handroaka anareo tanteraka. [2]Toroy lalana ny vahoaka fa ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra dia hangataka firavaka volafotsy sy firavaka volamena amin'ny mpiray vodi-rindrina aminy. [3]Ary nataon'i Yaveh nila fitia tamin'ireo Israelita ny Egyptiana. Ary koa, Mosesy dia ilay lehilahy tena nahavariana teo imason'ireo mpanompon'i Farao sy ireo vahoakan'i Egypta.
[4]Hoy Mosesy hoe: "Izao no lazain'i Yaveh: 'Manodidina ny sasak'alina dia hamakivaky an'i Egypta aho. [5]Ireo lahimatoa rehetra ao amin'ny tany Egypta dia ho faty, manomboka amin'ny lahimatoan'i Farao, izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany, ka hatramin'ny lahimatoan'ny mpanompo vavy izay ao ambadiky ny fikosoham-bary mitoto izany, ary hatramin'ny voalohan-teraky ny biby fiompy rehetra.
[6]Dia hisy fidradradradrana lehibe manerana ny tany Egypta rehetra, izay tsy mbola nisy toy izany ary tsy hisy izany intsony. [7]Fa na dia ny aliaka aza dia tsy hivovo na amin'iza na amin'iza amin'ny vahoakan'Israely, na amin'ny olona na amin'ny biby. Amin'izany fomba izany no hahafantaranao fa samy hafa ny fitondrako ny Egyptiana sy ny Israelita.' [8]Ireo mpanomponao rehetra, ry Farao, dia hidina aty amiko ary hiankohoka eto amiko. Hiteny izy ireo hoe: "Mandehana, ianao sy ireo vahoaka izay manaraka anao!' Aorian'izay dia hivoaka aho." Dia nivoaka tao amin'i Farao tamim-pahatezerana mafy izy.
[9]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Tsy hihaino anao i Farao. Izany dia mba hanaovako zava-mahagaga maro eo amin'ny tany Egypta." [10]Nataon'i Mosesy sy Arona teo anoloan'i Farao ireo fahagagana rehetra ireo. Fa i Yaveh nanamafy ny fon'i Farao, ka tsy namela ny vahoakan'i Israely nivoaka ny taniny i Farao.

12 [1]Yaveh niteny tamin'i Mosesy sy Arona tao amin'ny tany Egypta. [2]Hoy Izy hoe: "Ho anareo, ity volana ity no ho fiandohan'ireo volana, dia ny voalohan'ny volana amin'ny taona ho anareo.
[3]Lazao amin'ny fiangonan'Israely hoe: 'Amin'ny andro fahafolon'ity volana ity izy ireo dia tsy maintsy maka ondry na zanak'osy avy ho azy ireo, ny fianakaviana tsirairay dia samy hanao izany, zanak'ondry iray isaky ny fianakaviana. [4]Raha vitsy loatra ka tsy hahalany zanak'ondry iray ny fianakaviana iray, ny lehilahy sy ny mpiray vody rindrina aminy dia tokony haka ny henan-janak'ondry na zanak'osy izay ampy hohanin'ny isam-batan'olona. Tokony ho ampy hohanin'ny rehetra izany, noho izany izy ireo dia tsy maintsy maka hena sahaza hamokisana azy rehetra.
[5]Tsy tokony hisy kilema mihitsy ny zanak'ondry na ny zanak'osinareo, lahy herintaona. Afaka maka iray amin'ireo ondry na osy ianareo. [6]Tsy maintsy karakarainareo tsara izany mandra-pahatongan'ny andro fahefatra ambin'ny folon'io volana io. Ary tsy maintsy mamono ireo biby ireo ny fiangonan'Israely manontolo amin'ny takariva. [7]Tsy maintsy maka sasany amin'ny rà ianareo ary mametraka izany amin'ny tolàm-baravarana anankiroa sy eo amin'ny tataom-baravaran'ny trano ao amin'izay hihinananareo ny hena. [8]Tsy maintsy hohaninareo amin'io alina io ilay hena, rehefa natono mialoha tamin'ny afo. Hoano miaraka amin'ny mofo tsy misy masirasira, miaraka amin'ny hanitra mafaitra izany.
[9]Aza hohanina manta na ampangotrahana amin'ny rano izany. Fa kosa, atonoy amin'ny afo miaraka amin'ny lohany, ny tongony ary ny ao anatiny. [10]Tsy tokony havelanareo ho tratra maraina ny ambin'izany. Tsy maintsy doranareo izay sisa tavela amin'ny maraina. [11]Izao no fomba tsy maintsy hihinanareo izany: mifatotra ny fehi-kibonareo, ny kapanareo eny amin'ny tongotrareo, ary ny tehina eny an-tananareo. Tsy maintsy mihinana haingana izany ianareo. Izany no Paskan' i Yaveh.
[12]Izao no lazain'i Yaveh: Handeha hamakivaky ny tany Egypta Aho amin'ity alina ity ka handringana ny voalohan-teraky ny olona sy ny biby rehetra ao amin'ny tany Egypta. Hitondra famaizana ho an'ireo andriamanitr'i Egypta rehetra Aho. Izaho no Yaveh. [13]Ny rà no ho famantarana eo amin'ny tranonareo ny amin'ny fahatongavako ao aminareo. Rehefa mahita ny rà Aho, dia handalo eo aminareo fotsiny rehefa handringana ny tany Egypta. Tsy ho ao aminareo ka handringana anareo ny loza. [14]Ho andro fahatsiarovana ho anareo io andro io, izay tsy maintsy hotandremanareo ho firavoravoana ho an'i Yaveh. Ho lalàna ho anareo mandrakariva, amin'ny taranaky ny vahoakanareo, fa tsy maintsy mitandrina izany andro izany ianareo.
[15]Hihinana mofo tsy misy masirasira ianareo mandritra ny fito andro. Amin'ny andro voalohany ianareo dia hanala ny lalivay ao an-tranonareo. Na iza na iza mihinana mofo tsy misy masirasira amin'ny andro voalohany mandra-pahatonga

ny andro fahafito, izany olona izany dia tsy maintsy halàna ao Israely. [16]Amin'ny andro voalohany dia hisy vondrona izay atokana ho Ahy, ary amin'ny andro fahafito dia hisy fanangonana hafa toy izany. Tsy misy asa ho atao amin'izany andro izany, afa-tsy ny mahandro sakafo hohanin'ny rehetra. Izany ihany no asa azonareo atao.
[17]Tsy maintsy tandremanareo io andron'ny Fankalazana ny Mofo tsy misy Lalivay io satria amin'io andro io no hitondrako ny olonareo, isan-tokony avy, hiala ny tany Egypta. Ka tsy maintsy tandremanareo amin'ny taranaky ny olona izany andro izany. Ho lalàna ho anareo mandrakariva izany. [18]Tsy maintsy mihinana mofo tsy misy lalivay ianareo manomboka amin'ny takarivan'ny andro fahefatra ambin'ny folo amin'ny volana voalohan'ny taona, mandra-pahatongan'ny takarivan'ny andro faha-iraika amby roapolon'ny volana.
[19]Mandritra ireo andro fito ireo, dia tsy tokony hisy lalivay hita mihitsy ao an-tranonareo. Izay rehetra mihinana mofo misy lalivay dia ho alàna amin'ny vondron'Israely, na vahiny izany olona izany na olona teraka teo amin'ny taninareo.
[20]Tsy tokony hihinana zavatra misy lalivay mihitsy ianareo. Na aiza na aiza honenanao, dia tsy maintsy mihinana mofo tsy misy masirasira.'"
[21]Ary niantso ny loholon'Israely rehetra i Mosesy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Mandehana ary misafidiana ondry na zanak'ondry izay ampy hamahanana ny fianakavianareo ka vonoy ny zanak'ondrin'ny Paska. [22]Avy eo dia makà rantsana hysopa ary atsobohy ao anatin'ny rà izay ao anaty koveta izany. Hosory amin'ny tolàm-baravarana roa sy tataom-baravarana ny rà izay tao anaty koveta. Tsy misy na iza na iza mahazo mivoaka ny tranony mandra-piavin'ny maraina.
[23]Satria Yaveh dia handalo mba handringana ireo Egyptiana. Rehefa mahita ny rà amin'ny tataom-baravarana sy ny tolàm-baravarana roa Izy, dia handalo fotsiny amin'ny varavaranareo ary tsy hamela ny mpandringana hiditra ao an-tranonareo mba hamely anareo.
[24]Tsy maintsy tandremanareo izany fotoana izany. Ho lalàna mandrakariva ho anareo sy ny taranakareo izany. [25]Rehefa hiditra ny tany izay homen'i Yaveh anareo ianareo, araka izay efa nampanantenainy ho ataony, dia tsy maintsy hitandrina izany fomba fivavahana izany ianareo.
[26]Rehefa manontany anareo ny zanakareo hoe: 'Inona no dikan'izao fomba fivavahana izao?' [27]dia tsy maintsy hiteny ianareo hoe: 'Soron'ny Paskan'i Yaveh izao, satria nandalo tamin'ny tranon'ireo Israelita tao Egypta Yaveh rehefa namely an'ireo Egyptiana. Nanafaka ny ankohonanay Izy."' Dia niankohoka ny vahoaka ka nidera an'i Yaveh. [28]Nandeha ireo Israelita ka nanao araka izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy sy Arona.
[29]Ary tamin'ny sasak'alina dia naringan'i Yaveh ny voalohan-teraka rehetra tao amin'ny tany Egypta, nanomboka tamin'ny lahimatoan'i Farao, izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany, hatramin'ny lahimatoan'ilay olona tany an-tranomaizina mbamin'ny voalohan-teraky ny biby fiompy rehetra. [30]Nifoha i Farao nony alina—izy, ireo mpanompony rehetra, ary ny Egyptiana rehetra. Nisy fitomaniana mafy tao Egypta, satria tsy nisy trano izay tsy nisy maty tao anatiny.
[31]Niantso an'i Mosesy sy Arona i Farao ny alina ary niteny hoe: "Mitsangàna, mialà eo amin'ny vahoakako, ianareo sy ireo Israelita. Mandehana, manompoa an'i Yaveh, araka izay nambaranareo fa tianareo hatao. [32]Ento ny ondry aman'osinareo sy ny ombinareo, araka izay nolazainareo, ary mandehana, ka tsofy rano ihany koa aho." [33]Tao anaty fahamaikana tanteraka no nandroahan'ireo Egyptiana azy ireo hiala ny tany, satria hoy izy ireo: "ho faty daholo isika rehetra."
[34]Koa dia naka ny koba tsy misy lalivay ny vahoaka. Efa nifatotra tao amin'ny akanjon'izy ireo sy teo amin'ny sorok'izy ireo ny lovia fihinanana. [35]Ary nanao araka izay nolazain'i Mosesy azy ireo ny vahoakan'Israely. Nangataka volafotsy, volamena, ary akanjo tamin'ireo Egyptiana izy ireo. [36]Nataon'i Yaveh nila sitraka tamin'ireo Israelita ny Egyptiana. Ka nomen'ireo Egyptiana azy ireo avokoa izay rehetra nangatahin'izy ireo. Tamin'izany fomba izany no nandroban'ireo Israelita an'ireo Egyptiana.
[37]Nandeha avy tany Ramesesy nankany Sokota ireo Israelita. Teo ho eo amin'ny 600. 000 lahy izy ireo no nandeha tongotra, niampy ireo zaza amam-behivavy. [38]Vahoaka nifangaro izay tsy Israelita ihany koa no nandeha niaraka tamin'izy ireo, niaraka tamin'ny ondry aman'osy sy omby, ary biby fiompy marobe. [39]Nanao mofo tsy misy masirasira tamin'ny koba izay nentiny avy tany Egypta izy ireo. Tsy nisy masirasira izany satria noroahina avy tao Egypta izy ireo ka tsy afaka nitaraikiraiky tamin'ny fikarakarana sakafo. [40]430 taona no niainan'ireo Israelita tao Egypta.
[41]Tamin'ny fiafaran'ny 430 taona, tamin'izany andro izany indrindra, no nialan'ireo antokon'i Yaveh rehetra tao amin'ny tany Egypta. [42]Alina tsy fatoriana io alina io, satria Yaveh no nitondra azy ireo hiala ny tany Egypta. Izany no alin'i Yaveh izay tokony ho tandreman'ireo Israelita rehetra hatramin'ny taranaky ny vahoakan'izy ireo.
[43]Hoy i Yaveh tamin'i Mosesy sy Arona: "Ity no fitsipika amin'ny Paska: tsy misy vahiny manana anjara amin'ny fihinanana izany. [44]Kanefa, ny andevon'ny Israelita rehetra, izay novidiam-bola, dia afaka mihinana rehefa avy noforainareo izy.
[45]Ireo vahiny sy ireo mpanompo nokaramaina dia tsy mahazo mihinana amin'ny sakafo. [46]Ny sakafo dia tsy maintsy hohanina ao an-trano. Tsy tokony hitondra ny hena any ivelan'ny trano ianareo, ary tsy tokony hanapaka taolana amin'izany mihitsy.
[47]Tsy maintsy mitandrina ny firavoravoana avokoa ny fiaraha-monina Israely rehetra. [48]Raha misy vahiny miara-mipetraka aminareo ka te-hitandrina ny Paskan'i Yaveh, dia tsy maintsy foraina avokoa ireo havany lehilahy rehetra. Ary afaka tonga izy ka mitandrina izany. Na izany aza, dia tsy misy olona tsy voafora afaka mihinana amin'ny sakafo.
[49]Izany lalàna izany sady hihatra amin'ny teratany sy ny vahiny izay mipetraka eo aminareo." [50]Koa dia tena nanao araka izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy sy Arona ireo Israelita rehetra. [51]Ary tamin'io andro io indrindra no nitondran'i Yaveh ny isan-tokon'Israely nivoaka ny tany Egypta.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

13 [1]Niteny tamin'ny Mosesy Yaveh ary nanao hoe: [2]"Atokany ho ahy ny teraka voalohany rehetra, ireo lahimatoa rehetra ao amin'ireo Israelita, na olona na ireo biby. Ahy ireo voalohan-terak."
[3]Ary hoy i Mosesy tamin'ny vahoaka hoe: "Tsarovy sy ankalazao izao andro izao, dia ny andro izay nivoahanareo avy tany Egypta, avy tamin'ny trano fanandevozana, satria tamin'ny tanana maherin'i Yaveh no nitondrany anareo nivoaka avy tao amin'io toerana io. Tsy misy mofo misy lalivay azo hohanina. [4]Hivoaka an'i Egypta amin'ity andro ity ianareo, amin'ny volan'i Abiba. [5]Rehefa entin'i Yaveh ao amin'ny tanin'ny Kananita, Hitita, Amorita, Hivita, ary ny Jebosita, ny tany izay nianianany tamin'ireo razanareo homeny anareo, dia ny tany tondra-dronono sy tantely— dia tsy maintsy hitandrina izany fomba fivavahana izany ianareo amin'io volana io.
[6]Mandritra ny fito andro dia tsy maintsy mihinana mofo tsy misy lalivay ianareo; amin'ny andro fahafito dia hisy andro firavoravonana mba hanomezam-boninahitra an'i Yaveh. [7]Mofo tsy misy lalivay no tsy maintsy hohanina mandritra ny fito andro; tsy tokony hisy mofo misy lalivay akory hita eo aminareo. Tsy misy lalivay tokony ho hita miaraka aminareo ao anatin'ny sisin-taninareo.
[8]Amin'izany andro izany dia hilaza amin'ireo zanakao ianao hoe: 'Izany dia noho izay nataon'i Yaveh tamiko rehefa nivoaka tany Egypta aho.' [9]Izany dia ho fampatsiahivana ho anareo eo amin'ny tananareo, ary fampatsiahivana eo amin'ny handrinareo. Izany dia mba ho eo am-bavanareo ny lalàn'i Yaveh, fa tamin'ny tanana maherin'i Yaveh no nitondrana anareo nivoaka avy tao Egypta. [10]Noho izany dia tsy maintsy tandremanareo ity lalàna ity amin'ny fotoana efa voatondro isan-taona isan-taona.
[11]Rehefa mitondra anareo ao amin'ny tanin'ireo Kananita Yaveh, araka ny nianianany taminareo sy ireo razanareo fa ho ataony, ary rehefa manome ny tany ho anareo Izy, [12]dia tsy maintsy hanokana ho Azy ny zaza voalohan-teraka rehetra sy ny voalohan-terak'ireo bibinareo. Ary ho an'i Yaveh ireo lahy. [13]Ireo voalohan-teraky ny boriky rehetra dia tsy maintsy hamidy zanak'ondry. Raha tsy mamerina mividy izany ianao, dia tsy maintsy manapaka ny vozony. Fa ireo lahimatoa rehetra eo aminareo—dia tsy maintsy averinareo vidiana.
[14]Raha manontany anao ny zanakao lahy any aoriana hoe: "Inona no dikan'izao?" dia ho lazainao azy hoe: "Tamin'ny tana-maherin'i Yaveh no nitondrany anay nivoaka avy tao Egypta, tao amin'ny trano fanandevozana. [15]Rehefa nandà mafy ny hamela anay handeha i Farao, dia novonoin'i Yaveh ny voalohan-teraka tao amin'ny tany Egypta, ny voalohan-teraky ireo vahoaka sy ny voalohan-terak'ireo biby. Izany no antony anaovako sorona ho an'i Yaveh ny lahy voalohan-teraky amin'ny biby rehetra, ary ny antony hamerenako ny vidin'ny lahimatoa amin'ireo zanako.' [16]Ho zary fampatsiahivana eo amin'ny tananao, sy fampatsiahivana eo amin'ny handrinao izany, fa tamin'ny tana-mahery no namoahan'i Yaveh antsika avy tao Egypta."
[17]Rehefa namela ny vahoaka nandeha i Farao, dia tsy nitarika azy ireo tamin'ny làlana tany amin'ny tanin'ireo Filistina Andriamanitra, na dia teo akaiky teo aza izany tany izany. Fa hoy Andriamanitra hoe: "Angamba hiova hevitra ireo vahoaka raha mandalo ady ary hiverina any Egypta." [18]Fa nentin'Andriamananitra nanodidina ny efitry ny Ranomasina Mena ireo vahoaka. Niakatra avy tao amin'ny tany Egypta ireo Israelita ary nivonona ho amin'ny ady.
[19]Ary nentin'i Mosesy niaraka taminy ny taolam-balon'i Josefa, fa Josefa nampianiana mafy ireo Israelita ka nilaza hoe: "Azo antoka fa hamonjy anareo Andriamanitra, ary tsy maintsy hitondra ny taolam-baloko miaraka aminareo ianareo."
[20]Nandeha avy tany Sokota ireo Israelita ary nitoby tao Etama teo amin'ny sisin'ny tany efitra. [21]Yaveh nandeha teo alohan'izy ireo tao amin'ny andri-rahona tamin'ny atoandro mba hitarika azy ireo eny an-dalana. Ary ny alina Izy dia nandeha toy ny andri-afo mba hanome azy fahazavana. Tamin'izany fomba izany no nahafahan'izy ireo nandeha ny andro sy ny alina. [22]Tsy nanaisotra ny andri-rahona ny atoandro na ny andri-afo ny alina nanoloana ireo vahoaka Yaveh.

14 [1]Yaveh niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe: [2]"Ambarao amin'ireo Israelita fa tokony hiverina ary hitoby eo alohan'i Pi-Hahirota, eo anelanelan'i Migdola sy ny ranomasina, eo alohan'i Bahala-Zefona izy ireo. Tokony hitoby eo akaikin'ny ranomasina mifanandrify amin'i Pi-Hahirota ianareo. [3]Fa hilaza ny amin'ireo Israelita i Farao hoe: 'Mirenireny voan'ny tamberintany ireo Israelita. Tampina tamin'izy ireo ny efitra.'
[4]Hanamafy ny fon'i Farao Aho, ka hanenjika azy ireo izy. Hahazo voninahitra Aho nohon'ny amin'i Farao sy ny tafiny rehetra. Ka dia ho fantatry ireo Egyptiana fa Izaho no Yaveh." Koa dia nitoby araka izay natoro azy ireo ny Israelita.
[5]Rehefa voalaza tamin'ny mpanjakan'ny Egypta fa nandositra ireo Israelita, dia namadika ny sainy tamin'ny vahoaka i Farao sy ireo mpanompony. Hoy izy ireo hoe: "Fa inona ity nataontsika ity tamin'ny famelana an'Israely andeha an-kalalahana tsy hanompo antsika?"
[6]Ary nanomana ny kalesiny i Farao ary nitondra ny tafiny niaraka taminy. [7]Naka kalesy voafidy manokana enin-jato miampy ireo kalesin'i Egypta hafa rehetra izy, niaraka tamina manam-boninahitra tao amin'izy rehetra. [8]Nanamafy ny fon'i Farao, mpanjakan'i Egypta i Yaveh, ka nanenjika ireo Israelita ny mpanjaka. Ary efa lasa lavitra tamim-pandresena ny Israelita. [9]Saingy nanenjika azy ireo ny Egyptiana niaraka tamin'ny soavaly sy ny kalesin'izy ireo rehetra, ireo mpitaingin-tsoavaliny, ary ny tafiny. Tratran'izy ireo nitoby teo amoron'ny ranomasina akaikin'i Pi-Hahirota, teo alohan'i Bala-Zefona ireo Israelita.
[10]Rehefa nanatona akaiky i Farao, dia niandrandra ireo Israelita ary taitra. Nanao rodobe taorian'izy ireo ny Egyptiana, ka raiki-tahotra izy ireo. Niantsoa mafy an'i Yaveh ireo Israelita. [11]Hoy izy ireo tamin'i Mosesy hoe: "Satria ve tsy misy fasana

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

any Egypta, no dia nentinao ho faty aty an-tany efitra aty izahay? Nahoana no nataonao tahaka izao izahay, ka nentinao niala tany Egypta? [12]Tsy izao ve no efa nolazainay taminao tany Egypta? Hoy izahay taminao hoe: 'Avelao izahay amin'izao, mba hahafahanay miasa ho an'ny Egyptiana.' Tsara ho anay kokoa ny niasa ho an'ny Egytiana toy izay maty aty an'efitra aty."
[13]Hoy Mosesy tamin'ny vahoaka hoe: "Aza matahotra. Mihandrasa ary ho hitanareo ny famonjena izay homen'i Yaveh ho anareo anio. Fa tsy ho hitanareo intsony ireo Egyptiana izay hitanareo androany. [14]Yaveh no hiady ho anareo, ary hiandry fotsiny ianareo."
[15]Ary hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Nahoana ianao ry Mosesy, no mbola miantso Ahy ihany? Teneno ireo Israelita mba handroso. [16]Asandrato ny tehinao, ahinjiro eo amin'ny ranomasina ny tananao ka zarao roa izany, mba hahafahan'ny vahoakan'Israely mamakivaky ny ranomasina amin'ny tany maina. [17]Tsarovy fa hanamafy ny fon'ny Egyptiana Aho ka hanenjika azy ireo izy. Hahazo voninahitra aho nohon'ny amin'i Farao sy ireo miaramilany, ny kalesiny, ary ireo mpitaingin-tsoavaliny rehetra. [18]Ary ho fantatr'ireo Egyptiana fa Izaho no Yaveh rehefa nahazo voninahitra nohon'ny tamin'i Farao, ireo kalesiny, ary ireo mpitaingin-tsoavaliny Aho."
[19]Ny anjelin'Andriamanitra, izay nandeha teo alohan'ireo Israelita, dia nifindra ary nankao an-damosin'izy ireo. Nifindra avy teo anoloan'izy ireo ry nankao aorian'izy ireo ny andry rahona. [20]Nankeo anelanelan'ny tobin'ny Egypta sy ny tobin'Israely ilay andry rahona. Rahona mainty ho an'ireo Egyptiana izany, saingy nanazava ny alina ho an'ireo Israelita, ka tsy nisy andaniny nankany amin'ny iray hafa nandritry ny alina.
[21]Naninjitra ny tanany teo amin'ny ranomasina i Mosesy. Nampihemotra ny ranomasina tamin'ny rivo-mahery avy tany atsinanana Yaveh tamin'io alina io ka namadika ny ranomasina ho tany maina. Tamin'izany no nizara roa ny rano.
[22]Nandeha teny afovoan'ny ranomasina teo amin'ny tany maina ireo Israelita. Namorona rindrina teo ankavanana sy ankavian'izy ireo ny rano.
[23]Nanenjika azy ireo ny Egyptiana. Nanenjika azy ireo nankao afovoan-dranomasina—ireo soavaly, kalesy, ary ny mpitaingin-tsoavalin'i Farao rehetra. [24]Saingy vao maraim-be, dia nijery ny tafika Egyptiana teo amin'ny andrin'afo sy rahona i Yaveh. Nahatonga horohoro teo amin'ireo Egyptiana Izy. [25]Nihitsoka ny kodiaran'ireo kalesy, ary nandeha tamim-pahasahiranana ireo mpitaingin-tsoavaly. Koa dia hoy ireo Egyptiana hoe: "Andeha isika handositra an'Israely, fa Yaveh no miady amintsika ho azy ireo."
[26]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Ahinjiro eo amin'ny ranomasina ny tananao mba hiverina hidoboka eo amin'ireo Egyptiana, ny kalesin'izy ireo ary ireo mpitaingin-tsoavaliny ny rano." [27]Koa dia nahinjitr'i Mosesy teo amin'ny ranomasina ny tanany, ary niverina tamin'ny laoniny izany rehefa tonga ny maraina. Nandositra tao amin'ny ranomasina ireo Egyptiana, ary nosintonin'i Yaveh teo afovoan'izany izy ireo. [28]Niverina ny rano ka nanarona ireo kalesy, ireo mpitaingin-tsoavaly ary ireo tafika rehetra izay nanaraka ny kalesy tao anaty ranomasina. Tsy nisy tafavoaka velona.
[29]Kanefa, ireo Israelita dia nandia tany maina teo afovoan-dranomasina. Rindrina avy teo an-tanana ankavanana sy ankavia ho azy ireo ny rano. [30]Koa namonjy an'Israely tamin'ny tanan'ny Egyptiana i Yaveh tamin'io andro io, ary nahita fatina Egyptiana teo amoron-dranomasina i Mosesy. [31]Rehefa nahita ny hery lehibe nampiasain'i Yaveh hanoherana ny Egyptiana ny Israely, dia nanome voninahitra an'i Yaveh ny vahoaka, ary nino an'i Yaveh sy Mosesy mpanompony izy ireo.

15 [1]Dia nihira izao hira izao ho an'i Yaveh i Mosesy sy ny vahoakan'Israely. Nihira izy ireo hoe: "Hihira ho an'i Yaveh aho, fa efa nandresy tamim-boninahitra Izy; ny soavaly sy ny mpitaingina izany dia natsipiny tao anaty ranomasina.
[2]Yaveh no tanjako sy hirako, ary efa nanjary famonjena ahy Izy. Izany no Andriamanitro, ary hidera Azy aho, Andriamanitr'ireo razako, ary hanandratra Azy aho. [3]Yaveh dia mpiady; Yaveh no anarany.
[4]Nanipy ny kalesin'i Farao sy ny tafika tao anaty ranomasina Izy. Ireo manam-boninahitra voafidin'i Farao dia nilentika tao anatin'ny Ranomasina Mena. [5]Ny lalina nanarona azy ireo; dia nilentika tany amin'ny lalina tahaka ny vato izy ireo.
[6]Ny tananao ankavanana, ry Yaveh, dia manam-boninahitra amin'ny hery; ny tananao ankavanana, ry Yaveh, dia nanorotoro ny fahavalo. [7]Tamin'ny voninahitra lehibe no nanjeranao ireo izay nitsangana hanohitra Anao. Nalefanao ny fahatezeranao; nandevona azy ireo tahaka ny mololo izany. [8]Tamin'ny fofonain'ny vavoronao no nampiangona ireo rano; ireo rano mikoriana nijoro mahitsy toy ny antontan-javatra; ny rano lalina dia nivaingana tany amin'ny fanambanin'ny ranomasina.
[9]Hoy ny fahavalo: 'Hanenjika aho, hisambotra aho, hizara izay babo aho; ny faniriako dia ho tanteraka amin'izy ireo; hamoaka ny sabatro aho; hamotika azy ireo ny tanako.' [10]Nitsoka tamin'ny rivotrao ianao, ka nandrakotra azy ireo ny ranomasina; nilentika tahaka ny firaka anatin'ny rano mahery izy ireo. [11]Iza no tahaka Anao, ry Yaveh, eo amin'ireo andriamanitra? Iza no tahaka Anao, manam-boninahitra amin'ny fahamasinana, omem-boninahitra amin'ny dera, manao fahagagana?
[12]Naninjitra ny tananao ankavanana Ianao, dia nitelina azy ireo ny tany. [13]Tao amin'ny fanekenao tsy mivadika no nitarihinao ny vahoaka izay navotanao. Tamin'ny tanjakao no nitarihinao azy ireo tany amin'ny toerana masina izay nitoeranao.
[14]Handre ireo vahoaka, ary hangovitra izy ireo; hisambotra ireo mponin'i Filistia ny horohoro. [15]Dia hatahotra ireo lehiben'i Edoma; ireo miaramilan'i Moaba dia hihozongozona; ny mponin'i Kanana rehetra dia ho ketraka.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Ny horohoro sy ny tahotra dia hianjera amin'izy ireo. Noho ny herin'ny sandrinao, dia ho hanjary hijanona tahaka ny vato mandra-pandalon'ny vahoakanao izy ireo, ry Yaveh— mandra-pandalon'ireo vahoaka navotanao.
[17]Hitondra azy ireo ary hametraka azy ireo eny an-tendrombohitry ny lovanao Ianao, ilay toerana, ry Yaveh, izay efa nataonao hitoerana, ny fitoerana masina, ry Tomponay, izay efa namboarin'ny tananao. [18]Hanjaka mandrakizay doria Yaveh."
[19]Fa ireo soavalin'i Farao dia nandeha niaraka tamin'ireo kalesiny sy ireo mpitaingin-tsoavaliny tany anaty ranomasina. Namerina ny ranon'ny ranomasina tamin'izy ireo i Yaveh. Nefa ireo Israelita nandeha tamin'ny tany maina teo anelanelan'ny ranomasina. [20]Miriama ilay mpaminany vavy, anabavin'i Arona, naka ampongatapaka, ary ireo vehivavy rehetra nivoaka niaraka tamin'ny ampongatapaka, nandihy nanaraka azy. [21]Nihira tamin'izy ireo Miriama hoe: "Mihirà ho an'i Yaveh, fa nandresy am-boninahitra Izy. Ny soavaly sy ny mpitaingina izany dia natsipiny tao anaty ranomasina."
[22]Dia nitarika ny Israely nanomboka teo amin'ny ranomasina Mena i Mosesy. Nivoaka avy tao amin'ny efitr'i Sora izy ireo. Nandeha hateloana tany an'efitra ary tsy nahita rano izy ireo. [23]Dia tonga tany Mara izy ireo, nefa tsy afaka nisotro ny rano tao satria nangidy izany. Dia nantsoin'izy ireo hoe Mara izany toerana izany.
[24]dia nitaraina tamin'i Mosesy ireo vahoaka ary niteny hoe: "Inona no azonay sotroina?" [25]Niantso mafy an'i Yaveh i Mosesy, ary nampiseho azy hazo iray i Yaveh. Nanipy izany tao anatin'ny rano Mosesy, ka lasa azo sotroina ny rano. Teo no nanomezan'i Yaveh lalàna hentitra azy ireo, ary teo no nitsapany azy ireo. [26]Hoy Izy: "Raha mihaino tsara ny feon'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo, ary manao izay marina eo imasony, ary raha manongilan-tsofina amin'ireo didiny ka mankatoa ireo lalàny rehetra ianareo— dia tsy misy ataoko aminareo ireo aretina izay nataoko tamin'ireo Egyptiana, fa Izaho no Yaveh izay manasitrana anareo."
[27]Ary ireo vahoaka tonga tany Elima, izay nisy loharano roa ambin'ny folo sy hazon-drofia fitopolo. Nitoby tany teo akaikin'ny rano izy ireo.

16 [1]Nanohy ny dian'izy ireo avy tany Elima ny vahoaka, ary ny fivondronan'ny Israelita dia tonga tany amin'ny tany efitr'i Sina, izay manelanelana an'i Elima sy Sinay, tamin'ny andro fahadimy tamin'ny volana faharoa taorian'ny fialan'izy ireo avy tao amin'ny tany Egypta. [2]Nitaraina noho i Mosesy sy Aarona ny fivondronan'ny Israelita rehetra tany an'efitra. [3]Ary hoy ny Israelita tamin'izy ireo hoe: "Raha mba matin'ny tanan'i Yaveh tany amin'ny tany Egypta mantsy isika tamin'ny nipetrahantsika teo akaikin'ireo vilanin-kena ka nihinana mofo dia voky. Fa nentinao nivoaka ho aty amin'ity tany efitra ity izahay mba hahafaty noana ny fivondronanay manontolo."
[4]Avy eo i Yaveh niteny tamin'ny Mosesy hoe: "Handatsaka mofo avy any an-danitra ho anareo Aho. Hivoaka ireo olona ary hanangona ny sahaza hohaniny isan'andro mba hahafahako mitsapa azy ireo, hahitàko raha handeha araka ny lalàko izy ireo na tsia. [5]Ary amin'ny andro fahenina, izy ireo dia hanangona indroa mihoatra amin'izay efa nangonin'izy ireo isan'andro teo aloha, ka hahandro izay ho entin'izy ireo."
[6]Avy eo dia niteny tamin'ireo vahoakan'Israely i Mosesy sy Arona hoe: "Anio hariva dia ho fantatrareo fa Yaveh no namoaka anareo avy any amin'ny tany Egypta. [7]Ny maraina dia hahita ny voninahitr'i Yaveh ianareo, fa Izy mandre ny fitarainanareo nohon'ny Aminy. Iza moa izahay no dia mampitaraina anareo?" [8]Hoy koa Mosesy hoe: "Ho fantatrareo izany rehefa homen'i Yaveh hena ianareo ny hariva ary sakafo ny maraina mba ho voky— satria reny ny taraina izay ambaranareo nohon'ny Aminy. Mba iza moa izaho sy Aarona? Tsy manohitra anay ny fitarainanareo; fa manohitra an'i Yaveh."
[9]Mosesy niteny an'i Arona hoe: "Ambarao amin'ny ny fivondronan'ny vahoakan'Isarely rehetra hoe: 'Manatòna eo anatrehan'i Yaveh, fa efa reny ny fitarainanareo.'" [10]Ary raha niresaka tamin'ny fivondronan'ny vahoakan'Israely rehetra i Arona, dia nijery nanatrika ny tany an'efitra izy ireo, ary indro, niseho tamin'izy ireo teny amin'ny rahona ny voninahitr'i Yaveh. [11]Dia niresaka tamin'i Mosesy Yaveh ary nanao hoe: [12]"Efa reko ny fitarainan'ireo vahoakan'Israely. Ary miresaha amin'izy ireo ka lazao hoe: 'Hihinan-kena ianareo ny hariva, ary ho vokisana mofo ianareo ny maraina. Dia ho fantatrareo fa izaho ilay Yaveh Andriamanitrareo.'"
[13]Ary nony hariva dia nisy papelika niakatra sy nandrakotra ny toby. Ny maraina dia nandry manodidina ny toby ny ando. [14]Rehefa lasa ny ando, dia nisy vaingambaingan-javatra manify toa fanala teo amin'ny tany tamin'ny faritry ny efitra. [15]Ary rehefa nahita izany ny vahoakan'Israely, dia nifanontany izy ireo hoe: 'Inona io?" Tsy fantatr'izy ireo hoe inona ilay izy. Dia hoy Mosesy tamin'izy ireo: "Io no mofo izay nomen'i Yaveh hohanina.
[16]Izao no didy izay nomen'i Yaveh: "Aoka ny tsirairay aminareo hanangona izay sahaza hohaninareo, dia ny fatran'ny gomara iray isan'ny vahoakanao. Toy izao no hanangonanao izany: Manangona izay ampy hohanin'ny olona tsiriaray izay mitoetra ao anaty lainao.'" [17]Ary nataon'ireo vahoakan'Israely izany. Ny sasany nanangona maro, ary ny sasany nanangona vitsy. [18]Raha nafatran'izy ireo tamin'ny gomara famarana izany, ireo izay nanangona betsaka dia tsy nisy ambiny, ary izay nanangona kely dia nanana ny ampy. Ny olona tsirairay dia nanangona izay ampy ho an'ny filany.
[19]Dia hoy Mosesy tamin'izy ireo: "Aoka tsy hisy hamela sisa amin'izany mandra-pahatonga ny maraina." [20]Na izany aza, dia tsy nihaino an'i Mosesy izy ireo. Nisy sasany tamin'izy ireo no namela sisa tamin'izany mandra-maraina, fa nivoaka olitra sy lasa maimbo izany. [21]Dia nanjary tezitra tamin'izy ireo Mosesy. Dia nangonin'izy ireo isa-maraina izany. Samy nanangona ny sahaza azy ny olona tsirairay mba hohanina tamin'io andro io. Rehefa nahamay ny masoandro, dia levona izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Ary tamin'ny andro fahenina dia nanangona mofo indroa mihoatra isan'olona izy ireo, gomara roa isan'olona. Ny lehiben'ny fivondronana rehetra dia nanatona ary nilaza izany tamin'i Mosesy. [23]Ary hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Izao no voalzan'i Yaveh: 'Fitsaharana masina rahampitso, Sabata masina ho fanajana an'i Yaveh. Hendaso izay tianareo hendasina, ary andrahoy izay tianareo handrahoina. Ary tehirizo ho anareo, hatramin'ny maraina ny ambiny rehetra amin'izany.'"
[24]Dia nampirimin'izy ireo mandra-maraina izany, araka izay nandidian'i Mosesy. Ary tsy maimbo izany, na nahitana olitra taminy. [25]Hoy Mosesy: "Hano anio ireto sakafo ireto, fa anio dia andro voatokana ho Sabata mba hanajana an'i Yaveh. Ary anio dia tsy hahita izany any an-tsaha ianareo.
[26]Ary hanangona izany mandritra ny enina andro ianareo, fa ny andro fahafito dia andro Sabata. Ny andro Sabata dia tsy hisy mana. [27]Ary tamin'ny andro faha fito dia maro ireo olona no nandeha nivoaka nanangona mana, fa tsy nahita na inona na inona izy ireo.
[28]Ary hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Mandra-pahovina no handavanareo hitandrina ireo didiko sy ireo lalàko? [29]Indro, nomen'i Yaveh anareo ny andro Sabata. Ary amin'ny andro fahenina dia hanome anareo ireo mofo mandritra ny roa andro Izy. Aoka hijanona eo amin'ny toerana misy azy avy ianareo; tsy misy mahazo mivoaka eo amin'ny toerana misy azy amin'ny andro fahafito." [30]Noho izany dia nitsahatra tamin'ny andro fahafito ny vahoaka.
[31]"Mana" no niantsoan'ireo vahoakan'Israely izany sakafo izany. Fotsy toy ny voan-drafy ireo, ary manana tsiro toy ny koriandra manify misy tantely. [32]Hoy Mosesy: "Izao no didin'i Yaveh: 'Aoka hisy mana iray gomara ho voatahiry mandritra ny taranaky ny vahoakanao, mba hahita ireo mofo namahanako anareo tany an'efitra ny taranakareo, taorian'ny nitondrako anareo nivoaka avy tany Egypta.'"
[33]Ary hoy Mosesy tamin'i Arona: "Mangalà vilany ary asio mana iray gomara ao. Ataovy eo alohan'Yaveh izany mba ho voatahiry mandritra ny taranaky ny vahoaka." [34]Araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy, dia notehirizin'i Arona tamin'ny lalàn'ny fanekena tao anaty fiara izany. [35]Nihinana mana nandritra ny efapolo taona ny vahoakan'Israely mandra-pahatonga azy ireo tany amin'ny tany misy mponina. Nihinana izany izy ireo mandra-pahatonga azy ireo teo amin'ny sisin-tanin'ny tany Kanana. [36]Ary ny gomara iray dia mira ampahafolon'ny efaha iray.

17 [1]Ireo fiarahamonin'Israely manontolo dia nandeha avy any amin'ny efitr'i Sina, nanaraka ireo torolalan'Andriamanitra. Nitoby tao Refidima izy ireo, nefa tsy nisy rano ho sotroin'ny vahoaka tao. [2]Dia nanome tsiny an'i Mosesy noho izany zava-nisy tamin'izy ireo izany ny vahoaka ary nanao hoe: "Omeo rano hosotroina izahay." Hoy Mosesy hoe: "Nahoana no mifanditra amiko ianareo? Nahoana no maka fanahy an'i Yaveh ianareo?" [3]Nangetaheta mafy ireo vahoaka, ka nitaraina tamin'i Mosesy izy ireo. Hoy izy ireo hoe: "Nahoana no nitondra anay niakatra avy tao Egypta ianao? Mba hamono anay sy ireo zanakay ary ireo biby fiompinay amin'ny hetaheta?"
[4]Dia niantso mafy an'i Yaveh i Mosesy hoe: "Inona no tokony ataoko amin'ity vahoaka ity? Efa saika vonona hitora-bato ahy izy ireo." [5]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Mandehana eo alohan'ireo vahoaka, ary ento miaraka aminao ireo loholon'i Israely sasany. Ento miaraka aminao ny tehina izay nikapohanao ny renirano, ary mandehana. [6]Hijoro eo alohanao any eo amin'ny vatolampy ao Horeba Aho, ary hikapoka ny vatolampy ianao. Hisy rano hivoaka amin'izany mba hosotroin'ny vahoaka." Dia nanao izany teo imason'ireo loholon'Israely i Mosesy. [7]Niantso izany toerana izany hoe Masa sy Meriba noho ny fitarainan'ireo Israelita izy, ary satria efa naka fanahy ny Tompo izy ireo tamin'ny nitenenany hoe: "Eto aminay ve Yaveh sa tsia?"
[8]Dia tonga ary nanafika an'Israely tao Refidima ny tafiky ny vahoaka Amalekita. [9]Dia hoy Mosesy tamin'i Josoa: "Mifidiana lehilahy maromaro ary mivoaha. Miadia amin'ny Amalekita. Rahampitso dia hijoro eo an-tampon'ny havoana miaraka amin'ny tehin'Andriamanitra eo an-tanako aho." [10]Dia niady tamin'ny Amalekita araka ny nandidian'i Mosesy azy Josoa, raha niakatra tao an-tampon'ny havoana kosa Mosesy, Arona, ary Hora.
[11]Rehefa nanangana ny tanany ho ambony Mosesy, dia nandresy Israely; rehefa namela ny tanany haka aina izy, dia nanomboka nandresy ny Amalekita. [12]Rehefa nihanavesatra ny tanan'i Mosesy, dia naka vato i Arona sy Hora ary nametraka izany tao ambaniny mba hipetrahany. Tamin'io fotoana io ihany, dia nihazona ny tanany ho ambony i Arona sy Hora, ny olona iray teo andaniny, ary ny olona iray hafa teo amin'ny ankilany. Ary dia voatazona mafy ireo tanan'i Mosesy mandra-pilentiky ny masoandro. [13]Dia nandresy ny vahoakan'ny Amalekita tamin'ny sabatra i Josoa.
[14]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Soraty amin'ny boky izao ka vakio eo an-tsofin'i Josoa, satria hamono tanteraka ny fahatsiarovana ny Amalekita tsy ho eto ambany lanitra Aho." [15]Dia nanorina alitara i Mosesy ary niantso izany hoe: "Yaveh no fanevako." [16]Hoy izy: "Fa ny tanana dia nasandratra ambony ho amin'ny seza fiandrianan'i Yaveh—fa Yaveh hiady amin'ny Amalekita amin'ireo taranaka fara mandimby rehetra."

18 [1]Nahare ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra tamin'i Mosesy sy ny Israely vahoakany i Jetro, mpisoron'ny Midiana, rafozan-dahin'i Mosesy. Reny fa Yaveh nitondra ny Israely nivoaka an'i Egypta. [2]Nalain'i Jetro, rafozan-dahin'i Mosesy i Zipora, vadin'i Mosesy, taorian'ny nampodiany azy, [3]ary ireo zanany roa lahy; ny anaran'ny iray dia Gersoma, satria hoy Mosesy hoe: "Efa vahiny tany amin'ny tanin'ny firenena hafa aho." [4]Eliezera kosa no anaran'ilay anankiray, satria hoy Mosesy hoe: "Ny Andriamanitry ny razako no namonjy ahy. Nanavotra ahy tamin'ny sabatr'i Farao Izy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Tonga niaraka tamin'ny zanaka lahin'i Mosesy sy ny vadiny tany amin'i Mosesy tany an-efitra izay nitobiany teo an-tendrombohitr'Andriamanitra i Jetro, rafozan-dahiny. [6]Hoy izy tamin'i Mosesy hoe: "Izaho, Jetro rafozan-dahinao, dia tonga aty aminao miaraka amin'ny vadinao sy ny zanany roa lahy."
[7]Nivoaka hitsena ny rafozan-dahiny Mosesy, niankohoka izy, ary nanoroka azy. Nifanontany fahasalamana izy ireo ary niditra tao an-day avy eo. [8]Notantarain'i Mosesy tamin'ny rafozan-dahiny ireo rehetra nataon'i Yaveh tamin'i Farao sy ny Egyptiana nohon'ny amin'ny Israely, ireo ady sarotra rehetra nanjo azy teny an-dalana, ary ny fomba nanavotan'i Yaveh azy ireo.
[9]Dia faly Jetro nohon'ny soa rehetra izay nataon'Yaveh tamin'ny Israely, tamin'ny nanavotany azy ireo tamin'ny tanan'ny Egyptiana. [10]Hoy Jetro hoe: "Ho deraina anie Yaveh, satria Izy nanavotra anao teo an-tanan'ny Egyptiana sy teo an-tanan'i Farao, ary nanafaka ny olona teo am-pelatanan'ireo Egyptiana. [11]Fantatro ankehitriny fa lehibe noho ny andriamanitra rehetra Yaveh, satria fony nitondra ny Israelita tamim-piavonavonana ny Egyptiana, dia navotan'Andriamanitra ny olony."
[12]Nitondra fanatitra dorana ary sorona ho an'Andriamanitra i Jetro, rafozan-dahin'i Mosesy. Dia tonga nisakafo niaraka tamin'i Jetro, rafozan-dahin'i Mosesy, teo anatrehan'Andriamanitra i Arona sy ireo loholon'i Israely rehetra.
[13]Ny ampitso dia nipetraka hitsara ny olona i Mosesy. Nitsangana nanodidina azy ny olona nanomboka ny maraina ka hatramin'ny hariva. [14]Rehefa nahita ireo rehetra nataon'i Mosesy tamin'ny vahoaka ny rafozan-dahiny, dia hoy izy hoe: "Fa inona izato ataonao miaraka amin'ny olona? Nahoana no ianao irery no mipetraka ary ny olon-drehetra mitsangana manodidina anao nanomboka maraina hatramin'ny hariva?"
[15]Dia hoy Mosesy tamin'ny rafozan-dahiny hoe: "Manatona ahy ny olona mba hanontany ny tari-dalan'Andriamanitra.
[16]Rehefa misy disadisa eo amin'izy ireo, dia izaho no hanatonany. Izaho no manapa-kevitra eo amin'ny roa tonta, ka mampianatra azy ireo ny didin'Andriamanitra sy ny lalàny."
[17]Hoy ny rafozan-dahin'i Mosesy taminy hoe: "Tsy dia mety loatra ny zavatra ataonao. [18]Ho reraka tokoa ianareo, dia ianao sy ireo olona izay miaraka aminao. Mavesatra loatra ho anao izao zioga izao. Tsy vitanao irery io. [19]Henoy aho. Hanoro hevitra anao aho, ary Andriamanitra homba anao, satria ianao no solotenan'ny olona eo anatrehan'Andriamanitra, sy mitondra ny adin'izy ireo eo aminy. [20]Tsy maintsy hampianarinao azy ireo ny didiny sy lalàny. Tsy maintsy hasehonao azy ireo ny lalana tokony haleha sy ny asa tokony hatao.
[21]Ary koa, tsy maintsy mifidy lehilahy mahay avy amin'ny olona rehetra ianao, dia lehilahy izay manome voninahitra an'Andriamanitra, lehilahin'ny fahamarinana izay tsy tia kolikoly. Tsy maintsy hapetraka ho mpanapaka ny olona izy ireo, mba ho mpifehy arivo, zato, dimampolo, ary folo. [22]Izy ireo no hitsara ny olona amin'ny raharaha mahazatra rehetra, fa ny tranga saro-bahana kosa hoentin'izy ireo any aminao. Ny amin'ireo tranga madinika, ny tenan'izy ireo ihany dia ho afaka hitsara izany. Amin'izay dia ho mora aminao kokoa, ary izy ireo hiara-hizaka izay mavesatra aminao.
[23]Raha manao izany ianao, ary raha Andriamanitra no mibaiko anao hanao izany, dia hahavita hiaritra ianao, ary ny olon-drehetra afaka hody any an-trano amin'ny fahafaham-po."
[24]Nohenoin'i Mosesy ny tenin-drafozany ary nataony avokoa izay rehetra nolazainy. [25]Dia nifidy lehilahy tsara laza avy amin'ireo Israely rehetra Mosesy ka nanao azy ireo ho mpitarika ny vahoaka, dia ho mpifehy arivo, zato, dimampolo, ary folo.[26]Nitsara ny olona tamin'ny tranga tsotra izy ireo. Ireo tranga saro-bahana no nentiny tany amin'i Mosesy, fa ny tenan'izy ireo ihany no nitsara ireo tranga madinika. [27]Koa namela ny rafozan-dahiny handeha Mosesy, ary Jetro nody tany amin'ny taniny.

19 [1]Tamin'ny volana fahatelo taorian'ny nialan'ny vahoakan'i Israely ny tany Egypta, tamin'io andro io ihany, no nahatongavan'izy ireo tao an'efitr'i Sinay. [2]Koa rehefa niala tao Refidima izy ireo ka nankany an'efitr'i Sinay, dia nitoby tao an'efitra teo anoloan'ny tendrombohitra.
[3]Dia niakatra tao amin'Andriamanitra Mosesy. Dia niantso azy avy eo amin'ny tendrombohitra Yaveh ka nanao hoe: "Tsy maintsy hilazanao ny ankohonan'i Jakoba, dia ny vahoakan'i Israely hoe: [4]Efa hitanareo izay nataoko tamin'ny Egyptiana, ny fomba nitondrako anareo tamin'ny elatry ny voromahery sy ny nitaomako anareo ho eto amiko. [5]Koa ankehitriny àry, raha mihaino am-pankatoavana ny feoko ianareo ka mitandrina ny fanekeko, dia ho harena manokana ho Ahy ianareo mihoatra amin'ny olona rehetra, satria Ahy ny tany rehetra. [6]Dia ho fanjaka-mpisorona sy ho firenena masina ho Ahy ianareo. Ireo teny ireo no tsy maintsy ho lazainao amin'ny vahoakan'Israely."
[7]Dia tonga Mosesy ka niantso ireo loholon'ny vahoaka. Dia nalahany nanoloana azy ireo ny teny rehetra izay nandidian'i Yaveh azy. [8]Koa niara-namaly ireo vahoaka ka nanao hoe: "Hataonay izay rehetra nolazain'i Yaveh." Dia notanterin'i Mosesy tamin'i Yaveh ny tenin'ny olona. [9]Dia hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Ho tonga eo aminao anaty rahona matevina Aho mba hahafahan'ny vahoaka mandre anao raha miteny miaraka aminao Aho ary mba hahafahany hino anao mandrakariva koa." Dia nambaran'i Mosesy tamin'i Yaveh ireo tenin'ny vahoaka.
[10]Dia hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Mandehana any amin'ny vahoaka. Anio sy rahampitso no tsy maintsy hanamasinanao ho Ahy azy ireo, ary ataovy diovin'izy ireo ny fitafiany.[11]Mivonona amin'ny andro fahatelo, fa amin'ny andro fahatelo dia hidina ho eo amin'ny tendrombohitr'i Sinay Yaveh.
[12]Asio fefy ny manodidina ny tendrombohitra ho an'ny vahoaka. Lazao amin'izy ireo hoe: 'Tandremo mba tsy hiakaranareo ny tendrombohitra na hikasihanareo ny sisin'izany. Na iza na iza mikasika ny tendrombohitra dia

hovonoina ho faty tokoa izy.' [13]Tsy hisy tànana hikasika olona tahaka izany. Fa kosa, hotoraham-bato tokoa izy na hotifirina. Na olona izany na biby, dia tsy maintsy vonoina izy. Rehefa lavareny ny feon'ny trompetra, vao afaka mankeo ho eo am-pototry ny tedrombohitra izy ireo."
[14]Dia nidina ny tendrombohitra Mosesy mba ho eo amin'ny vahoaka. Nohamasininy ho an'i Yaveh ny olona ary ireo kosa nanadio ny fitafiany. [15]Dia hoy izy tamin'ny vahoaka hoe: "Mivonona amin'ny andro fahatelo; koa aza manakaiky ny vadinareo."
[16]Tamin'ny andro fahatelo, nony maraina, dia nisy kotrokorana sy tselatra ary rahona matevina teo an-tendrombohitra, ary feon-trompetra mafy faneno. Toran-kovitra ny olona rehetra teo amin'ny toby. [17]Dia nentin'i Mosesy nivoaka ny toby ny olona mba hihaona amin'Andriamanitra, ary nitsangana teo am-pototry ny tendrombohitra izy ireo. [18]Rakotra setroka tanteraka ny tendrombohitra Sinay satria nidina teo aminy tamin'ny afo sy ny setroka Yaveh. Dia niakatra toy ny setroky ny lafaoro lehibe ny setroka, ary nihonzongozona mafy ny tendrombohitra iray manontolo.
[19]Rehefa nihamafy dia mafy ny feon'ny trompetra, dia niteny Mosesy, ary namaly feo azy Andriamanitra. [20]Dia nidina teo an-tendrombohitra Sinay Yaveh, teo an-tampon-tendrombohitra, ary niantso an'i Mosesy ho ao an-tampony Izy. Dia niakatra Mosesy noho izany. [21]Dia hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Midina ka hampitandremo ny olona tsy hisisika ho aty amiko mba hizaha, raha tsy izany dia ho maro amin'izy ireo no ho faty. [22]Aoka ihany koa ireo mpisorona izay manakaiky Ahy mba hanokana ny tenany—hampiomàno izy ireo ny amin'ny fahatongavako—mba tsy hamely azy ireo Aho."
[23]Dia hoy Mosesy tamin'i Yaveh hoe: "Tsy afaka hiakatra ny tendrombohitra ny olona, fa nanandidy anay Ianao hoe: 'Asio fefy manodidina ny tendrombohitra ka hatokano ho an'i Yaveh izany.'" [24]Dia hoy Yaveh taminy hoe: "Mandehana, midina ny tendrombohitra, ka ento miakatra miaraka aminao i Arona, nefa aza avela handrava ny fefy mankaty amiko ireo mpisorona sy ireo vahoaka, fandrao hamely azy ireo Aho." [25]Dia nidina teo amin'ny vahoaka Mosesy ka niresaka tamin'izy ireo.

20 [1]Andriamanitra nilaza izao teny rehetra izao: [2]"'Izaho no Yaveh Andriamanitrao, izay nitondra anao nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta, avy tao amin'ny trano fanandevozana. [3]Aza manana andriamanin-kafa fa izaho ihany.
[4]Aza manao sarin-javatra voasokitra ho anao na ho endriky ny zavatra eny amin'ny lanitra ambony, na izay ety amin'ny tany ambany, na izay any amin'ny rano ambanin'ny tany. [5]Aza miankohoka eo anatrehany ary aza manompo azy, fa Izaho, Yaveh Andriamanitrao, dia Andriamanitra saropiaro. Ka ny haratsiam-panahin'ny razanao dia valiako any amin'ny taranakao, dia ny zanaka sy ny zafiafin'ireo izay mankahala ahy. [6]Nefa kosa maneho tsy fivadiham-panekena amin'ny olona arivo mandimby izay tia Ahy ka mitandrina ireo didiko Aho.
[7]Aza manonona fahatany ny anaran'i Yaveh Andriamanitrao, fa Izaho dia hiampanga ireo izay manonona fahatany ny anarako.
[8]Tsarovy ny andro Sabata, mba hanokanana izany ho Ahy. [9]Aoka hataonao mandritra ny enina andro ny asa amandraharaha rehetra. [10]Fa ny andro fahafito dia Sabata an'i Yaveh Andriamanitrao. Amin'izany dia tsy tokony hisy asa atao, na ny zanakao lahy, na ny zanakao vavy, na ny mpanompo lahinao, na ny mpanompo vavinao, na ny biby fiompinao, na ireo mpivahiny izay miditra anatin'ny vavahadinao. [11]Fa nandritra ny enina andro Yaveh no nanao ny tany sy ny lanitra, ny ranomasina, ary ny zavatra rehetra izay ao anatin'izany, ary nitsahatra tamin'ny andro fahafito. Noho izany Yaveh dia nitahy ny andro Sabata ka nanokana izany.
[12]Manajà ny rainao sy ny reninao, mba ho lava andro iainana ianao eo amin'ny tany izay omen'Andriamanitra anao. [13]Aza manono olona. [14]Aza mijanganjanga.
[15]Aza mangalatra any amin'ny olona. [16]Aza mijoro vavolombelona tsy marina manohitra ny namanao. [17]Aza mitsiririritra ny tranon'ny namanao, aza mitsiririritra ny vadin'ny namanao, ny mpanompo lahiny, ny mpanompo vaviny, ny ombiny, ny borikiny, na izay rehetra hananan'ny namanao.
[18]Ary ny olona rehetra nandre ny kotrok'orana sy ny tselatra, ary nandre ny feon'ny trompetra, ary nahita ny trendrombohitra nanetroka. Rehefa nahita izany ny olona, dia toran-kovitra izy ireo ary nijoro avy lavitra. [19]Hoy izy ireo tamin'ny Mosesy hoe: "Mitenena aminay, ary hihaino izahay; fa aza avela hiteny aminay Andriamanitra, fandrao ho faty izahay."[20]Hoy Mosesy tamin'ny olona hoe: "Aza matahotra, fa Andriamanitra dia tonga hitsapa anareo mba ho aminareo ny voninahiny, ary mba tsy hanotanareo."[21]Dia nijanona teny lavitra teny ny olona, ary Mosesy nanatona ny aizim-pito izay nisy an'Andriamanitra.
[22]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Izao no tsy maintsy lazainao amin'ny Israelita: 'Ianareo efa nahita fa tany an-danitra aho no niteny taminareo. [23]Ianareo dia tsy tokony hanao andriamanin-kafa miaraka amiko, na andriamanitra volafotsy na ireo andriamanitra volamena.
[24]Tokony hanao alitara tany ho ahy ianareo, ary tokony anao sorona amin'ny fanatitra dorana eo amboniny, fanatitra fiombonana, ondry, ary omby. Eny amin'ny toerana izay nofidiako ho anareo hanomezana voninahitra Ahy. [25]Raha hanao alitara vato ho ahy hianareo, dia aoka tsy ho vato voapaika no hanaovanareo azy, satria raha hampiasa ny fitaovanareo aminy ianareo, dia handoto izany. [26]Aza miakatra amin'ny ambaratongany ho eo amin'ny alitarako; izany dia mba tsy hisehoan'ny fitanjahanareo."'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

21 [1]"Ary ireto no didy izay tsy maintsy hapetrakao eo anoloan'izy ireo:
[2]'Raha mividy mpanompo Hebreo ianao, dia hanompo mandritra ny enin-taona izy, ary amin'ny taona fahafito dia handeha malalaka tsy hanefa na inona na inona izy. [3]Raha izy tenany no tonga, dia tsy maintsy mandeha an-kalalahana ny tenany; raha manambady izy, ny vadiny dia tsy maintsy mandeha an-kalalahana miaraka aminy. [4]Raha nanome vady ho azy ny tompony ka niteraka zazalahy na zazavavy taminy izy, dia ny vadiny sy ireo zanany dia ho an'ny tompony, ary tsy maintsy mandeha an-kalalahana ny tenany.
[5]Fa raha miteny mazava tsara ilay mpanompo hoe: "Tiako ny tompoko, ny vadiko, sy ireo zanako; tsy handeha am-pahalalahana aho," [6]dia aoka hitondra azy ho eo amin'Andriamanitra ny tompony. Tsy maintsy hitondra azy eo am-baravarana na tolam-baravarana ilay tompo, ka tsy maintsy tevehin'ny tompony amin'ny haolo ny sofiny. Ary dia hanompo azy mandra-pahatapitry ny ainy ilay manompo.
[7]Raha misy lehilahy mivarotra ny zanany vavy ho mpanompo vavy, dia tsy handeha an-kahalalahana toy ilay mpanompo lahy izy. [8]Fa raha tsy mahafaly ny tompony izy, izay nifidy azy ho an'ny tenany, dia aoka izy hamela azy hovidiana indray. Tsy manan-jo hivarotra azy amin'ny vahiny izy. Tsy manan-jo toy izany izy, satria namitaka azy.
[9]Raha fidian'ny tompony ho toy ny vady ho an'ny zanany lahy izy, dia tsy maintsy hitondra azy toy ny zanany vavy izy.
[10]Raha maka vady hafa ho azy izy, dia tsy tokony hampihena ny sakafony, ny fitafiany, na ny zo ara-panambadiany. [11]Fa raha tsy manome azy ireo zavatra telo ireo, dia afaka mandeha ankahalalahana izy ary tsy mandoa vola.
[12]Na iza na iza mamono olona ka mahafaty azy, dia aoka ho vonoina tokoa izany olona izany. [13]Fa raha tsy nanomana mialoha izany ilay lehilahy, fa tsy fanahiniana kosa, dia hanondro toerana hahafahany mandositra aho. [14]Raha manafika an-tsitrapo ny mpiara-belona aminy ny olona iray ka mamono azy amin'ny hevi-petsy, dia tsy aoka halainao izy mba ho faty, na dia any amin'ny alitara an'Andriamanitra aza izy.
[15]Na iza na iza mamely ny rainy na ny reniny dia tsy maintsy hovonoina izy. [16]Na iza na iza maka an-keriny olona iray ka mivarotra azy, na tratra teny an-tanany ilay olona, dia aoka ho vonoina tokoa izany mpaka an-keriny izany. [17]Na iza na iza manozona ny rainy na ny reniny dia aoka ho vonoina tokoa izy.
[18]Raha miady ireo lehilahy ka mamely ny iray amin'ny vato na totondry, ka tsy maty izany olona izany, nefa tsy afa miala eo am-pandrinany; [19]ary raha sitrana izy ka afaka mandeha amin'ny fampiasana ny tehiny, dia tsy maintsy manonitra ilay fotoanany very ilay olona izay namely azy; ary tsy maintsy miantoka ny fanasitranana azy tanteraka ihany koa izy. Fa izany olona izany dia tsy meloka amin'ny famonoana.
[20]Raha misy olona mikapoka ny mpanompony lahy na ny mpanompo vaviny amin'ny tehina, ka raha maty nohon'ny ny ratra ilay mpanompo, dia tsy maintsy ho faizina tokoa izany olona izany. [21]Kanefa, raha miaina mandritra ny andro iray na roa ilay mpanompo, dia tsy tokony ho sazina ilay tompony, satria hijaly amin'ilay fahaverezan'ny mpanompony izy.
[22]Raha miady sy mandratra vehivavy bevohoka ireo lehilahy, ka afa-jaza izy, nefa tsy misy ratra hafa eny aminy, dia ilay lehilahy meloka dia tsy maintsy manantanteraka izay sitrapony vadin'ilay vehivavy avy aminy, ary tsy maintsy manonitra izay araka ny famaritan'ny mpitsara izy. [23]Fa raha misy ratra lehibe kosa, [24]dia tsy maintsy manome aina ho solon'ny aina, maso ho solon'ny maso, nify ho solon'ny nify, tanana ho solon'ny tanana, tongotra ho solon'ny tongotra, [25]may ho soloin'ny may, ratra ho solon'ny ratra, na mangana ho solon'ny mangana izy.
[26]Raha misy olona mamely ny mason'ny mpanompo lahiny na ny mpanompo vaviny ka manimba izany, dia tsy maintsy hamela ilay mpanompo handeha an-kahalalahana ho fanonerana ny masony izy. [27]Ary raha manala ny nifin'ny mpanompo lahiny na mpanompo vaviny izy, dia tsy maintsy hamela ilay mpanompo handeha an-kahalalahana ho fanonerana ny nify.
[28]Raha misy omby manoto lehilahy na vehivavy ka nahafaty azy, dia tsy maintsy ho toraham-bato ilay omby, ary ny nofony dia tsy azo hohanina; dia tsy ho meloka tompon'ilay omby. [29]Fa raha nanam-pahazarana nanoto ilay omby taloha, ary efa nampitandremana ny tompony nefa tsy nihaino izany, ka nahafaty lehilahy na vehivavy ilay omby, dia tsy maintsy ho toraham-bato izany omby izany, ary tsy maintsy hovonoina koa ny tompony. [30]Raha ilaina ny fandoavana vola ho solon'ny ainy, dia tsy maintsy handoa izay takiany izy.
[31]Raha misy omby nanoto zazalahy na zazavavy, dia tsy maintsy manao izay takian'ny didy ho atao ilay tompon'ny omby.
[32]Raha manoto mpanompo lahy na mpanompo vavy ilay omby, dia tsy maintsy mandoa sekely vola fotsy telopolo ny tompon'ilay omby, ary tsy maintsy ho toraham-bato ilay omby.
[33]Raha misy olona manokatra lavaka iray, na misy olona mihady lavaka nefa tsy manarona izany, ka misy omby na boriky latsaka ao amin'izany, [34]dia tsy maintsy mamerina ny fatiantoka ny tompon'ilay lavaka. Tsy maintsy manome vola ho an'ny tompon'ny biby maty izy, ary ireo biby maty dia ho lasany.
[35]Raha misy ombin'olona mandratra ny ombin'ny hafa ka mahafaty azy, dia tsy maintsy hamidin'izy ireo ny omby velona ka hozaraina ny vidiny, ary tsy maintsy zarainy izy ireo ihany koa ny omby maty. [36]Fa raha fantatra fa efa zatra nanoto ilay omby teo aloha, ka tsy nitandrina izany ny tompony, dia tsy maintsy hanonitra omby ho solon'ny omby izy, ary ilay biby maty dia ho lasany.

22 [1]Raha misy olona mangalatra omby na ondry ka mamono izany na mivarotra izany, dia tsy maintsy manonitra omby dimy ho an'ny omby iray izy, ary ondry efatra ho an'ny ondry iray. [2]Raha misy mpangalatra tratra mamaky trano, ary raha vonoina izy ka maty, dia tsy misy fanamelohana nohon'ny vono-olona hamatotra na iza na iza nohon'ny aminy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

amin'izany tranga izany. [3]Fa raha niposaka ny masoandro talohan'ny namakiany ny trano, dia hamatotra ilay olona izay namono azy ny fanamelohana amin'ny vono-olona. Tsy maintsy manonitra ny nangalariny ny mpangalatra. Raha tsy manana na inona na inona izy, dia tsy maintsy amidy nohon'ny fangalarany. [4]Raha hita velona eny an-tanany ilay biby nangalariny, na omby izany, na apondra, na ondry, dia tsy maintsy hanonitra avo roa heny izany izy.
[5]Raha misy olona mamela ny biby fiompiny hiraoka eny an-tsaha na eny amin'ny tanim-boaloboka ary mamela ireo bibiny ho very, ka miraoka eny amin'ny sahan'ny olon-kafa izany, dia tsy maintsy manonitra amin'izay tsara indrindra ao amin'ny sahany manokana sy izay tsara indrindra ao amin'ny tanim-boalobony manokana izy.
[6]Raha misy afo mirehitra ka mihitatra amin'ny tsilo ary mahazo ny voam-bary, na vary voajinja, na saha, dia azo antoka fa tsy maintsy hanonitra ilay iray izay nampirehitra ny afo.
[7]Raha misy olona manome vola na harena amin'ny namany aminy mba hiarovana izany, ary raha nangalarina tao an-tranon'ilay olona izany, ka hita ilay mpangalatra, dia tsy maintsy hanonitra avo roa heny ilay mpangalatra. [8]Fa raha tsy hita ilay mpangalatra, dia tsy maintsy tonga alohan'ireo mpitsara ilay tompon-trano mba hijery raha ny tanany ihany no nangalatra ny fananan'ilay namany aminy. [9]Fa ny fifandirana rehetra momba ny zavatra iray, na omby izany, na apondra, na ondry, na fitafy, na ireo zavatra hafa tsy ampy momba izay lazain'iray hoe: "Ahy ity," dia tsy maintsy tonga eo anoloan'ireo mpitsara ny fitarainan'ireo antoko roa. Ilay olona izay nomelohan'ny mpitsara dia tokony hanonitra avo roa heny amin'ny namany.
[10]Raha misy olona manome apondra, na omby, na ondry na biby hafa ho tehirizin'ny mpiara-belona aminy, ka raha maty izany na maratra na nisy nitondra ka tsy nisy nahita, [11]dia tsy maintsy mianiana amin'i Yaveh ireo roa ireo, raha nisy olona iray na tsia nangalatra ny fananan'ny mpiara-belona aminy. Tsy maintsy manaiky izany ny tompony, ary tsy hanohitra ilay iray hafa. [12]Fa raha nangalarina taminy izany, dia tsy maintsy manonitra izany amin'ilay tompony ny hafa.
[13]Raha nisy biby noviraviraina, dia aoka ilay olona hafa hitondra ilay biby ho porofo. Ary tsy hanonitra izay efa noviraviraina izy.
[14]Raha misy olona mindrana biby amin'ny mpiara-belona aminy ka naratra na maty ilay biby nefa tsy niaraka tamin'ny tompony, dia tsy maintsy manonitra ilay olona hafa. [15]Fa raha niaraka tamin'izany ilay tompony, dia tsy mila manonitra ilay olona hafa; raha nofaina ilay biby, dia honerana amin'ny hofany izany.
[16]Raha misy lehilahy misarika virijiny izay mbola tsy nanambady, ary raha miara-mandry aminy izy, dia tsy maintsy maka azy ho vady izy amin'ny alalan'ny tampi-maso takiana amin'izany. [17]Raha mandà tanteraka ny hanomezana azy ho azy ny rainy, dia tsy maintsy manonitra vola mitovy amin'ny tampi-maso ho an'ny virijiny izy.
[18]Tsy tokony hamela ny mpanandro ho velona ianao. [19]Na iza na iza miara-mandry amin'ny biby dia tsy maintsy ho vonoina tokoa.
[20]Na iza na iza manao sorona ho an'andriamanitra afa-tsy Yaveh dia tsy maintsy haringana tanteraka. [21]Aoka tsy handiso ireo vahiny na hampijaly azy ianao, satria ianao dia vahiny tany amin'ny tany Egypta.
[22]Aoka tsy hampijaly ny mpitondra-tena na zaza kamboty ray mihitsy ianao. [23]Raha mampahory azy ireo loatra ianao, ka miantso Ahy izy ireo, dia ho reko tokoa ny antson'izy ireo. [24]Hirehitra ny fahatezerako, ary ho vonoiko amin'ny sabatra ianao; hanjary ho mpitondra-tena ny vadinao, ary ho kamboty ray ireo zanakao.
[25]Raha mampindrana vola ho an'ny oloko izay mahantra eo aminao ianao, dia aoka tsy ho toy ny mpampindram-bola aminy ianao na manjanam-bola azy. [26]Raha maka ny fitafian'ny namanao ho antoka ianao, dia aoka haverinao aminy izany alohan'ny hilentehan'ny masoandro, [27]fa izany ihany no fisaronana ho azy; izany no fitafiany ho an'ny vatany. Inona ihany koa no afaka handriany? Rehefa miantso Ahy izy, dia handrea azy Aho, satria be fangorahana Aho.
[28]Aoka ianao hiteny ratsy Ahy, Andriamanitra, na hanozona ny mpanapaka ny vahoakanao.
[29]Aoka tsy hihazona ireo fanatitra avy amin'ny vokatry ny taninao na ireo famiazam-boalobokao ianao. Aoka homenao Ahy ny voalohan-teraka amin'ireo zanakao. [30]Ary aoka hanao izany amin'ireo omby sy ondrinao ihany koa ianao. Fa amin'ny andro fahafito dia afaka hitoetra miaraka amin'ireo reniny izy ireo, fa amin'ny andro fahavalo dia tokony homenareo ahy. [31]Ho olona voatokana ho Ahy ianareo. Noho izany dia tsy tokony hihinana hena izay efa noviravirain'ny biby teny an-tsaha ianareo. Fa kosa, aoka hatsipinareo ho an'ny alika izany.

23 [1]Aza manome tatitra diso na momban'iza na momban'iza. Aza mikambana amin'ny olona ratsy fanahy mba ho vavolombelona tsy marina. [2]Aza manaraka ny maro hanao ratsy, na aza mety hijoro vavolombelona raha manaraka ny maro mba hamadika ny rariny. [3]Aza miangatra amin'ny mahantra any amin'ny fitsarana azy.
[4]Raha hitanao mania ny ombin'ny fahavalonao na ny borikiny, haverenonao any aminy izany. [5]Raha hitanao lavo voatsindrin'ny entany amin'ny tany ny borikin'ny olona izay mankahala anao, aza mandao izany olona izany. Aoka hanampy azy amin'izany borikiny izany tokoa ianao.
[6]Aza mamadika ny rariny raha tokony ho an'ny olona malahelo any amin'ny adin'ny malahelo izany. [7]Aza mikambana amin'ny fanaovana fiampangana lainga, ary aza mamono ny tsy manan-tsiny na ny olo-marina, fa tsy hanamarina ny ratsy fanahy Aho. [8]Aza mandray kolikoly, fa ny kolikoly mahajamba ireo izay mahiratra, ary mamily ny tenin'ny olo-marina. [9]Aza mampahory ny hafa firenena, satria fantatrao ny fiainan'ny vahiny, fa vahiny ianareo tany amin'ny tany Egypta.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Hamafy voa amin'ny tany ary hanangona ny vokatra avy aminy ianao mandritra ny enin-taona. [11]Fa amin'ny taona fahafito dia havelanao tsy hovolena sy hajanonao eo izany, mba hahafahan'ireo mahantra amin'ny vahoakanao hihinana. Ny sisan'izy ireo, dia hohanin'ireo bibidia. Hanao tahaka izany amin'ireo tanim-boalobokao sy ireo tanin'olivanao ianao.
[12]Mandritry ny enina andro dia hanao ny asanao ianao, fa amin'ny andro fahafito dia tsy maintsy mitsahatra ianao. Ataovy izany mba hahafahan'ny ombinao sy ny borikinao mitsahatra, ary mba hahafahan'ny zanaka lahin'ny andevo vavinao sy ny vahiny mitsahatra sy maka aina. [13]Tandremo ireo zavatra rehetra izay voalazako anao. Aza manonona anaran'andriamanitra hafa, na hamela ny anaran'izy ireo ho heno avy amin'ny vavanao.
[14]Tsy maintsy mandeha intelo isan-taona ianao hanao andro firavoravoana ho ahy. [15]Tandremonao ny andro Firavoravoana ho amin'ny mofo tsy misy masirasira. Araka ny nandidiako anao, hihinana mofo tsy misy masirasira ianao mandritra ny fito andro. Amin'izany fotoana izany, hiseho eo anatrehako ianao amin'ny volana Abiba, izay voatendry ho an'izany tanjona izany. Tamin'izany volana izany no nivoahanao avy tany Egypta. Nefa aza miseho eo anatrehako tanam-polo ianao.
[16]Tandremonao ny andro firavoravoan'ny fijinjana, tamin'ny namafazanao voa voalohany tamin'ny tany. Tandremonao ihany koa ny andro firavoravoan'ny fampiakaram-bokatra amin'ny faran'ny taona, rehefa manangona ny vokatrao avy amin'ny tany ianao. [17]Ireo lahinao rehetra dia tsy maintsy miseho eo anatrehan'ny Tompo Yaveh intelo isan-taona
[18]Aza manolotra ny rà avy amin'ireo sorona natao ho Ahy miaraka amin'ny mofo misy lalivay ianao. Aza avela hijanona mandritra ny alina hatramin'ny maraina ny jabora avy amin'ireo sorona tamin'ny andro firavoravoako. [19]Ny voaloham-bokatra voafantina indrindra avy amin'ny taninao dia tsy maintsy aterinao ao an-tranoko, dia tranon'i Yaveh Andriamanitrao. Aoka tsy hahandro ny zanak'osy amin'ny rononon-dreniny ianao.
[20]Izaho handeha haniraka anjely eo alohanao mba hiaro anao eny an-dalana, ary mba hitondra anao any amin'ny toerana izay nomaniko. [21]Mihainoa azy ary ankatoavy izy. Aza mihantsy azy, fa tsy hamela ireo fahotanao izy. Ny anarako no ao aminy. [22]Raha mankatoa ny feony tokoa ianao ary manao ny zavatra rehetra izay lazaiko aminao, dia ho fahavalon'ireo fahavalonao Aho ary ho mpifanandrina amin'ireo mpifanandrina aminao.
[23]Handeha eo alohanao ny anjeliko ary hitondra anao any amin'ireo Amorita, Hetita, Perisita, Kananita, Hivita, ary ireo Jebosita. Handringana azy ireo Aho. [24]Aza miankohoka amin'ny andriamanitr'izy ireo, manompo azy ireo, na manao izay hataon'izy ireo ianao. Fa kosa, tsy maintsy ravanao tanteraka ireo ary torotoroy ireo tsangam-baton'izy ireo. [25]Manompoa an'i Yaveh Andriamanitrao, dia hitahy ny mofonao sy ny ranonao Izy. Hesoriko aminao ny aretina.
[26]Tsy hisy vehivavy ho momba na ho afa-jaza any amin'ny taninao. Homeko andro lava hiainana ianao. [27]Handefa ny tahotra ny tenako amin'ireo izay tany alehanao Aho. Hamono ireo olona rehetra izay mifanena aminao Aho. Hampiamboho ireo fahavalonao rehetra amin'ny tahotra Aho. [28]Handefa fanenitra ho eo anoloanao mba handroaka ireo Hivita, Kananita, ary Hetita tsy ho eo alohanao Aho. [29]Tsy handroaka azy ireo eo alohanao anatin'ny taona iray Aho, fandrao ho foana ny tany, ary ho maro loatra aminao ireo bibidia.
[30]Fa kosa, horoahiko tsikelikely tsy ho eo anoloanao ireo mandra-pahatonga anao mamokatra ka handova ny tany.
[31]Hataoko hatrany amin'ny ranomasina Mena ka hatrany amin'ny ranomasin'ny Filistina ny sisin-taninao, ary hatrany an'efitra ka hatrany amin'ny ony Eofrata. Izaho hanome anao fandresena amin'ny mponin'ny tany. Horoahinao eo anatrehanao izy ireo. [32]Aza manao fanekena amin'izy ireo na amin'ireo andriamaniny ianao. [33]Tsy mahazo mipetraka eo amin'ny taninao izy ireo, raha tsy izany izy ireo dia hampanota anao amiko. Raha manompo ireo andriamanitr'izy ireo ianao, dia hivadika ho fandrika ho anao tokoa izany.'"

24 [1]Ary Yaveh niteny tamin'i Mosesy hoe: "Miakara aty amiko—ianao, Arona, Nadada, Abiho sy fito-polo amin'ny loholon'ny Israely, ary manompoa ahy eny lavitra eny. [2]Mosesy irery no afaka manakaiky Ahy. Aoka tsy hanakaiky ireo hafa, ary tsy mahazo miakatra miaraka aminy ny vahoaka.
[3]Nandeha i Mosesy ary nilaza tamin'ireo vahoaka ireo teny sy ireo didin'i Yaveh rehetra. Ny vahoaka rehetra namaly azy tamin'ny feo iray ary niteny hoe: "Hataonay ireo teny rehetra izay nolazain'i Yaveh." [4]Ary mosesy nandray an-tsoratra ireo tenin'i Yaveh rehetra. Vao maraina, Mosesy dia nanorina alitara teo am-pototry ny tendrombohitra ary nandamina tsangam-bato roa ambin'ny folo, ireo vato dia mba hanehoana ireo foko roa ambin'ny folon'ny Israely.
[5]Nandefa zatovo lahy Israelita maromaro izy hanolotra ny fanatitra dorana ary nanao sorona fanatitra omby ho an'i Yaveh ho fiombonana aminy. [6]Nalain'i Mosesy ny antsasaky ny rà ka nataony tao anaty kovetabe izany; ary ny antsasany kosa nafafiny teo amin'ny alitara.
[7]Nalainy ny bokin'ny fanekem-pihavanana ary novakiany mafy tamin'ireo vahoaka. Hoy izy ireo hoe: "Hataonay ireo rehetra izay nolazain'i Yaveh. Ho mpankatoa izahay." [8]Ary nalain'i Mosesy ny rà ka nafafiny teo amin'ny vahoaka. Hoy izy hoe: "Ity no ràn'ny fanekem-pihavanana izay nataon'i Yaveh taminareo amin'ny fanomezana izao fampanantenana miaraka amin'izao teny rehetra izao."
[9]Dia niakatra ny tendrombohitra i Mosesy, Arona, Nadaba, Abiho, ary fito-polo tamin'ireo loholon'ny israely. [10]Nahita an'Andriamanitr'Israely izy ireo. Teo ambany tongony nisy rarivato vita avy amin'ny vato safira, ary nazava toy ny lanitra mihitsy izany. [11]Andriamanitra tsy naninjitra tanana tamim-pahatezerana tamin'ireo mpitarika ny Israelita. Nahita an'Andriamanitra izy ireo, ary nihinana sy nitsotro.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Miakara eto amiko eto amin'ny tendrombohitra ka mitoera eto. Homeko anao ireo vato fisaka sy ny lalàna ary ireo didy izay efa nosoratako, mba hampianarinao azy ireo." [13]Ary Mosesy niainga niaraka tamin'i Josoa mpanampiny ary niakatra tany an-tendrombohitr'Andriamanitra.
[14]Niteny tamin'ireo loholona Mosesy hoe: "Mijanòna eto ary miandrasa anay mandra-piverinay eto aminareo. Arona sy Hora dia miaraka aminareo. Raha misy olona manana fifandirana, avelao izy handeha any amin'izy ireo." [15]Dia nandeha niakatra an-tendrombohitra i Mosesy, ary ny rahona nanarona izany.
[16]Ny voninahitr'i Yaveh nitoetra tamin'ny tendrombohitra Sinay, ary nanarona izany henemana ny rahona. Tamin'ny andro fahafito dia niantso an'i Mosesy avy tao anaty rahona Izy. [17]Ny fahitana ny voninahitr'i Yaveh dia toy ny afo mandevona ny tampon'ny tendrombohitra teo imason'ireo Israelita. [18]Niditra tao anatin'ny rahona i Mosesy ka niakatra tany an-tendrombohitra. Teny an-tendrombohitra nanditry ny efa-polo andro sy efa-polo alina izy.

25 [1]Hoy i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: [2]"Lazao ireo Israelita mba haka fanatitra ho Ahy avy amin'ny olona rehetra izay
namporisihan'ny fony. Ary tsy maintsy raisinareo ho Ahy ireo fanatitra ireo.
[3]Ireto avy ny fanatitra tsy maintsy raisinareo avy amin'izy ireo: volamena, volafotsy, ary varahina; [4]kofehy manga, volomparasy ary mena; rongony fotsy madinika; volon'osy, [5]hoditr'ondry lahy miloko mena sy hoditra lambon-driaka; hazo akasia; [6]diloilo ho an'ny fanaovan-jiro masina; zava-manitra ho an'ny diloilo fanosorana ary ditin-kazo manim-pofona; [7]vato beryla sy vato sarobidy hafa mba hatao amin'ny efoda sy amin'ny saron-tratra.
[8]Aoka izy ireo hanamboatra fitoerana masina ho Ahy mba hahafahako miaina eo amin'izy ireo. [9]Tsy maintsy ataonareo araka izay ho asehoko anareo ao amin'ny drafitra ny tabernakely sy ireo fitaovana rehetra.
[10]Asaivo manao fiara vita amin'ny hazo akasia izy ireo. Tsy mainsty roa hakiho sy tapany ny halavany; iray hakiho sy tapany ny sakany; ary hakiho iray sy tapany ny hahavony. [11]Tsy maintsy saronanareo amin'ny volamena tsara ny ao anatiny sy ny ivelany, ary asio sisim-bolamena manodidina ny tampony.
[12]Manefe mason-drojo volamena efatra hatao amin'izany, ary apetaho amin'ireo tongotra efatry ny fiara, mason-drojo roa amin'ny ilany, ary mason-drojo roa amin'ny ilany iray hafa. [13]Manaova bao vita amin'ny hazo akasia ary sarony volamena izany. [14]Ampidiro eo amin'ireo mason-drojo eo amin'ny sisin'ny fiara ireo bao, mba hilanjana ilay fiara.
[15]Ireo bao dia tsy maintsy apetraka eo amin'ny mason-drojon'ny fiara; tsy azo esorina eo amin'izany ireo. [16]Apetraho ao amin'lay fiara ireo didin'ny fanekena izay homeko anareo. [17]Manaova sarom-panavotana vita amin'ny volamena madio. Roa hakiho sy tapany ny halavany, ary iray hakiho sy tapany ny sakany. [18]Manaova kerobima volamena voatefy roa ho eo amin'ny sakan'ilay sarom-panavoatana.
[19]Manaova kerobima iray ho eo amin'ny sakan'ilay sarom-panavotana, ary kerobima iray hafa ho an'ny sakany iray hafa. Ataovy iray ihany amin'ilay sarom-panavotana ireo. [20]Ireo kerobima dia tsy maintsy mamelatra ny elatr'izy ireo miakatra ka manaloka ny sarom-panavotana amin'ireo. Tsy maintsy mifanatrika ireo kerombima ary mijery mankany afovoan'ilay sarom-panavotana. [21]Ataovy eo an-tampon'ilay fiara ny sarom-panavotana ary apetaho eo amin'ilay fiara ireo lalàn'ny fanekena izay omeko anao.
[22]Ao amin'ilay fiara no hihaonako aminao. Eo ambonin'ilay sarom-panavotana no toerana hiresahako aminao. Eo anelanelan'ireo kerobima roa eo ambonin'ny fiaran'ny vavolombelona no hiresahako aminao mahakasika ireo didy rehetra izay homeko anao ho an'ireo Israelita.
[23]Manaova latabatra vita amin'ny hazo akasia. Roa hakiho ny halavany; iray hakiho ny sakany, ary iray hakiho sy tapany ny hahavony. [24]Sarony volamena madio izany ary rakofy volamena ny manodidina ny tampony.
[25]Manaova rafitra iray vodivoam-pelatanana manodidina izany, ary asio sisim-bolamena ny rafitra manodidina.
[26]Manamboara mason-drojo volamena efatra ho an'izany ary fatory eo amin'ny zorony efatra, izay misy ny tongony efatra. [27]Tsy maintsy fatorana amin'ilay rafitra ireo masondrojo mba hanomezana toerana ho an'ireo bao, mba hilanjana ilay latabatra.
[28]Ataovy amin'ny hazo akasia ireo bao ary sarony amin'ny volamena izany mba hahafahana milanja ilay latabatra miaraka amin'ireo. [29]Ataovy ireo lovia, sotro, fitoeran-divay, ary lovia boribory mba ho ampiasaina hampidinana ireo zava-pisotro fanatitra. Ataovy amin'ny volamena madio izany. [30]Asio mofon'ny fanatrehana mandrakariva eo anoloako eo amin'ny latabatra.
[31]Manaova fitoeran-jiro vita amin'ny volamena voatefy sy tsy mifangaro. Asio ny fototra sy ny tahony ilay fitoeran-jiro. Ataovy mitambatra ho iray ireo kapoakany, ireo kiboriny, ary ireo voninkazony. [32]Tsy maintsy misy sampany enina mivoaka avy amin'ny andaniny avy—tsy maintsy misy sampany telo mivoaka avy amin'ny andaniny iray, ary sampany telo amin'ilay fitoeran-jiro mivoaka avy amin'ny andaniny iray hafa.
[33]Ny sampana voalohany dia tsy maintsy manana kapoaka telo natao tahaka ny amandy mamelana, miaraka amin'ny kibory sy voninkazo, ary kapoaka telo natao tahaka ny amandy mamelana amin'ny sampany iray hafa, miaraka amin'ny kibory sy voninkazo. Tsy maintsy mitovy ny sampana enina rehetra mivoaka amin'ilay fanaovan-jiro. [34]Amin'ilay fanaovan-jiro, eo afovoan'ny tahony, dia tsy maintsy misy kapoaka efatra natao tahaka ny amandy mamelana, miaraka amin'ireo kibory sy voninkazo.
[35]Tsy maintsy misy kibory iray eo ambanin'ny sampany roa voalohany—akambana ho iray amin'izany, ary kibory iray eo ambanin'ireo sampana roa faharoa—nakambana ho iray amin'izany ihany koa. Mitovy amin'izany dia tsy maintsy misy

kibory iray eo ambanin'ny sampana roa fahatelo, nakambana ho iray amin'izany. Tokony hitovy ireo sampana enina rehetra mivoaka amin'ny fanaovan-jiro. [36]Ny kibory sy sampan'izy ireo dia tsy maintsy mitambatra ho iray amin'izany, notefena tamin'ny volamena madio.
[37]Tsy maintsy manao ilay fanaovan-jiro sy ireo jiro fito ao aminy ianareo, ka hametraka ireo jiro amin'ireo mba hanome hazavana avy amin'izany. [38]Ary ny hetin-jiro sy ireo fitoeran-davenon'ireo dia tsy maintsy atao amin'ny volamena madio.
[39]Mampiasà volamena madio talenta iray mba hanamboarana ilay fanaovan-jiro sy ireo fitaovany. [40]Kendreo mba ho atao araka ny endrika izay hampisehoana anao any an-tendrombohitra izany.

26 [1]Aoka hataonao amin'ny lamba folo vita amin'ny rongony fotsy madinika sy manga, volomparasy, ary volon'ondry jaky miaraka amin'ireo soratry ny kerobima ny tabernakely. Izany dia ho asan'ny mpanao asa tanana tena mahay.
[2]Ny halavan'ny lamba tsirairay dia tsy maintsy roa ambin'ny folo hakiho, ny sakany efatra hakiho. Ny lamba rehetra dia tsy maintsy mitovy habe. [3]Tsy maintsy havitrana ny lamba dimy, ary ny lamba dimy hafa ihany koa dia tsy maintsy avitrana.
[4]Manaova tadivavarana manga manaraka ny sisiny ivelan'ny rambon'ny lamba navitrana iray ianao. Toy izany koa, no tsy maintsy anaovanao mitovy manaraka ny sisiny ivelan'ny moron'ny lamba amin'ny vitrana faharoa. [5]Aoka hanao tadivavarana dimampolo eo amin'ny lamba voalohany ianao, ary manaova tadivavarana dimampolo eo amin'ny moron'ny lamba amin'ny vitrana faharoa. Ataovy izany mba hifanatrika ireo tadivavarana. [6]Manaova farango volamena dimampolo ianao ary akambano ireo lamba miaraka amin'ireo mba ho lasa iray ny tabernakely.
[7]Aoka hanao lamba volon'osy ho lay manerana ny tabernakely ianao. Manaova iraika ambin'ny folo amin'ireo lamba ireo ianao. [8]Ny halavan'ny lamba tsirairay dia tsy maintsy telopolo hakiho, ary ny sakan'ny lamba tsirairay dia tsy maintsy efatra hakiho. Ny tsirairay amin'ireo lamba iraika ambin'ny folo dia tsy maintsy mitovy habe. [9]Manakambàna lamba dimy sy lamba enina hafa miaraka. Aforetonao ny lamba enina manoloana ny lay.
[10]Manaova tadivavarana dimampolo eo amin'ny faran'ny lamba amin'ny vitrana iray, ary tadivavarana dimampolo eo amin'ny sisin'ny faran'ny lamba izay mikambana amin'ny vitrana faharoa. [11]Manaova farango varahina dimampolo ianao ary apetrahonao anatin'ny tadivavarana ireo. Dia anakambana ny lay miaraka ianao mba ho iray ihany izany.
[12]Ny ambin'ny antsasaky ny lamba, izany hoe, ny ambin'ny ampahiny mihoatra amin'ireo lamban'ny lay, dia tsy maintsy ahantona ao an-damosin'ny tabernakely. [13]Tsy maintsy misy iray hakiho amin'ny lamba eo amin'ny andaniny, ary iray hakiho amin'ny lamba eo amin'ny ankilany—izay ambin'ny halavan'ny lain'ny lamba dia tsy maintsy ahantona amin'ireo lafin'ny tabernakely amin'ny andaniny sy amin'ny ankilany, mba handrakotra izany. [14]Manaova fandrakofana vita amin'ny hoditr'ondrilahy nolokoina mena ho an'ny tabernakely, ary fandrakofana iray hafa vita amin'ny hoditra tsara mba ho eo ambonin'izany.
[15]Manaova zana-kazo mahitsy amin'ny hazo akasia ho an'ny tabernakely. [16]Ny halavan'ny zana-kazo tsirairay dia tsy maintsy folo hakiho, ary ny sakan'izany dia tsy maintsy iray sy sasany hakiho. [17]Tsy maintsy misy fihantonana hazo roa amin'ny zana-kazo tsirairay hanakambanana ireo zana-kazo. Hanao ireo zana-kazon'ny tabernakely rehetra toy izany ianao. [18]Rehefa manao ireo zana-kazo ho an'ny tabernakely ianao, dia manaova zana-kazo roapolo ho an'ny lafiny atsimo.
[19]Manaova faladiany volafotsy efapolo ao ambanin'ireo zanakazo roapolo ianao. Tsy maintsy misy faladiany roa ambanin'ny zana-kazo voalohany mba ho faladia roan'izany, ary faladiany roa ihany koa ambanin'ireo zanakazo hafa tsirairay avy ho faladia roan'ireo. [20]Ho an'ny lafiny faharoan'ny tabernakely, ao amin'ny lafiny avaratra, manaova zana-kazo roapolo [21]sy ny faladia volafotsin'ireo efapolo ianao. Tsy maintsy misy faladiany roa ambanin'ny zana-kazo voalohany, faladiany roa ambanin'ny zana-kazo manaraka, ary dia toy izany hatrany.
[22]Ho an'ny lafiny ambadiky ny tabernakely ao amin'ny lafiny andrefana, manaova zana-kazo enina ianao. [23]Manaova zana-kazo roa ho an'ny zoro an-damosin'ny tabernakely. [24]Ireo zana-kazo ireo dia tsy maintsy sarahina any amin'ny ambany, fa akambana any amin'ny tampony eo amin'ny mason-drojo iray ihany. Tsy maintsy toy izany ho an'ireo zoro roa ao an-damosina. [25]Tsy maintsy misy zana-kazo valo, miaraka amin'ireo faladiany volafotsy. Tsy maintsy misy fototra enina ambin'ny folo ny fitambarany, faladiany roa ambanin'ny zana-kazo voalohany, faladiany roa ambanin'ny zana-kazo manaraka, ary toy izany hatrany.
[26]Manaova bara hazo Akasia ianao—dimy ho an'ireo zana-kazo amin'ny andanin'ny tabernakely, [27]bara dimy ho an'ireo zanakazo amin'ny ankilan'ny tabernakely, ary bara dimy ho an'ireo zana-kazo amin'ny lafiny an-damosin'ny tabernakely eo andrefana. [28]Ny bara eo afovoan'ireo zana-kazo, izay, antenantenany ambony, dia tsy maintsy mahatratra ny farany avy.
[29]Rakofanao amin'ny volamena ireo zana-kazo. Ataonao ho volamena ny mason-drojon'ireo, mba hampiasaina ho fihazonana ny bara ireo, ary rakofanao amin'ny volamena ireo bara. [30]Manangana ny tabernakely amin'ny fanarahana ny drafitra naseho anao teny an-tendrombohitra.
[31]Manaova lamba manga, volomparasy, ary volon'ondry jaky, sy rongony fotsy madinika, miaraka amin'ny soratra Kerobima, asan'ny mpiasa tena mahay. [32]Ahantony eo amin'ireo andry hazo akasia efatra voarakotra volamena izany. Ireo andry ireo dia tsy maintsy manana fihantonana volamena voapetaka eo amin'ireo faladiany volafotsy efatra. [33]Ahantony ambanin'ny farango ny lamba, ary ampidironao ao ny fiaran'ny vavolombelona. Ny lamba dia natao hanasaraka ny toerana masina amin'ny toerana masina indrindra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[34]Apetrahonao eo amin'ny fiaran'ny vavolombelona ny sarom-panavotana, izay ao amin'ny toerana masina indrindra.
[35]Apetrahonao ivelan'ny lamba ny latabatra. Apetrahonao tandrifin'ny latabatra eo amin'ny lafiny atsimon'ny tabernakely ny fanaovan-jiro. Ny latabatra dia tsy maintsy ao amin'ny lafiny avaratra.
[36]Manaova fefy lamba ho fidirana amin'ny lay ianao. Ataonao amin'ny manga, volomparasy, sy mena ary rongony fotsy madinika voatenona izany, izay asan'ny mpanao peta-kofehy. [37]Ho an'ny fefy lamba, manaova andry akasia dimy ary mandrakofa ireo amin'ny volamena. Ny farangon'ireo dia tsy maintsy volamena, mandrendreha faladiany varahina dimy ho an'ireo ianao.

27 [1]Ataovy amin'ny hazo akasia ny alitara, dimy hakiho ny halavany ary dimy hakiho ny sakany. Ho efa-joro ny alitara ary telo hakiho ny haavony. [2]Asio tandroka maranitra tahaka ny tandrok'omby ny zorony efatra. Hatambatra ho iray amin'ny alitara ireo tandroka, ary petaho takela-barahina ireo.
[3]Manamboara fitaovana ho an'ny alitara: dia vilanin-davenona, ary koa fandraofana, koveta lehibe, sotro rovitra, ary vilany fitondrana afo. Varahina avokoa no hanaovanao ireo fitaovana rehetra ireo.[4]Manamboara makarakara ho an'ny alitara, harato varahina. Manamboara mason-drojo varahina ho an'ireo zoro efatry ny makarakara.
[5]Ataovy eo ambanin'ny rindrin'ny alitara ny makarakara, avy eo antenantenany hatrany ambany. [6]Manaova bao ho an'ny alitara, bao vita amin'ny hazo akasia, ary rakofy amin'ny varahina ireo.
[7]Tsy maintsy atao anaty mason-drojo ny bao, ary ny bao dia ho eo amin'ny lafiny roa amin'ny alitara, mba hilanjana azy.
[8]Ataovy poakaty ny alitara, amin'ny hazo fisaka. Ataovy araka izay naseho anao tao an-tendrombohitra izany.
[9]Manaova kianja ho an'ny tabernakely. Eo amin'ny lafiny atsimon'ny kianja dia hisy fefy lamba, fefy lamba rongony fotsy madinika voatenona mirefy zato hakiho. [10]Asio andry roapolo ireo fefy lamba, miaraka amin'ny faladia varahina roapolo. Hisy farango ihany koa apetaka eo amin'ireo andry, ary koa fihantonana volafotsy.
[11]Ho tahaka izany koa amin'ny lafiny avaratra, hisy fefy lamba mirefy zato hakiho misy andry roapolo, faladia varahina roapolo, farango apetaka eo amin'ireo andry, ary fihantonana volafotsy. [12]Amin'ny lafiny andrefana amin'ny kianja dia hisy lamba mirefy dimampolo hakiho ny halavany. Dia manaova andry folo, ary faladia folo. [13]Ataovy dimam-polo hakiho ihany koa ny halavan'ny kianja any amin'ny lafiny atsinanana.
[14]Ny fefy lamba amin'ny lafiny iray amin'ny fidirana dia tsy maintsy atao dimy ambin'ny folo hakiho ny halavany. Tsy maintsy miaraka amin'ny andry telo sy faladia telo ireo. [15]Eo amin'ny lafiny iray koa dia hisy fefy lamba mirefy dimy ambiny folo hakiho ny halavany. Tsy maintsy miaraka amin'ireo andriny telo sy faladiany telo ireo. [16]Lamba mirefy roapolo hakiho no atao vavahadin'ny kianja. Fitaovana manga, volomparasy, ary mena sy rongony fotsy madinika voatenona, asan'ny mpanao peta-kofehy no hanaovana ny lamba. Tsy maintsy miaraka amin'ny andry efatra sy faladia efatra izany.
[17]Ny andrin'ny kianja rehetra dia tsy maintsy hasiana fihantonana volafotsy, farango volafotsy, ary faladia varahina. [18]Ho zato hakiho ny halavan'ny kianja, dimam-polo hakiho ny sakany, ary ho dimy hakiho kosa ny haavony miaraka amin'ny fefy lamba rongony fotsy madinika, ary faladia varahina. [19]Ny fitaovana rehetra izay hampiasaina ao amin'ny tabernakely, sy ny fihantonan-day rehetra amin'ny tabernakely sy ny kianja dia tsy maintsy atao amin'ny varahina.
[20]Aoka ianao handidy ny vahoakan'i Israely mba hitondra menaka oliva, madio sady nofihazina, ho an'ny jiro mba hirehetan'ireo mandrakariva. [21]Ao an-trano lay fihaonana, eo ivelan'ny lamba izay manoloana ny tabernakely izay misy ny fiaran'ny vavolombelona, no handrehetan'i Arona sy ireo zanany lahy jiro eo anatrehan'i Yaveh, manomboka ny hariva mandra-maraina. Izany fepetra izany dia ho lalàna maharitra manerana ny taranaky ny vahoakan'i Israely.

28 [1]Antsoy ho eo aminao i Arona rahalahinao sy ireo zanany—dia i Nadaba, Abiho, Eleazara, ary Itamara—hiala eo amin'ireo Israelita mba hahafahan'izy ireo manompo Ahy ho mpisorona. [2]Tsy maintsy manamboatra akanjo voatokana ho Ahy, ho an'i Arona rahalahinao ianao. Ho voninahiny sy ho famirapiratana ho azy ireo akanjo ireo. [3]Tsy maintsy miteny amin'ireo olona izay hendry am-po, dia ireo izay nofenoiko ny Fanahin'ny fahendrena ianao, mba hahafahan'izy ireo manamboatra ny akanjon'i Arona hanokanana azy hanompo Ahy ho mpisoroko.
[4]Ny akanjo izay tsy maintsy amboarin'izy ireo dia saron-tratra, efoda, akanjo lava, akanjo tenom-boaroy, hamama, ary fehin-kibo. Tsy maintsy manamboatrra ireo akanjo izay hanokanana azy ho Ahy izy ireo. Atao ho an'i Arona rahalahinao sy ireo zanany izany mba hanompoany Ahy ho mpisorona. [5]Tsy maintsy mampiasa rongony fotsy madinika izay volamena, manga, volomparasy, ary jaky mena ireo mpanao tao-zavatra.
[6]Aoka izy ireo hanamboatra ny efoda amin'ny volamena, manga, volomparasy ary volon'ondry jaky, ary rongony fotsy madinika voatenona. Tsy maintsy asan'ny mpanao tao-zavatra za-draharaha izany. [7]Aoka hisy saron-tsoroka roa miraikitra eo amin'ireo sisiny ambony. [8]Ny fehin-kibo tenona madinika dia tsy maintsy hatao tahaka ilay efoda; tsy maintsy atao amin'ny ampahan-damba avy amin'ilay efoda, vita amin'ny rongony fotsy madinika izay volamena, manga, volomparasy ary jaky mena izany. [9]Aoka haka vato beryla roa ianao ka handrakitra ny anaran'ireo zanak'Israely roa ambin'ny folo lahy eo amin'izany.
[10]Ny enina amin'ny anaran'izy ireo dia tsy maintsy hatao eo amin'ny vato iray, ary ny enina hafa kosa dia eo amin'ny vato iray hafa, samy araka ny filaharan'ny nahaterahany avy. [11]Amin'ny asan'ny mpisokitra vato, tahaka ny sari-sokitra amin'ny tombokase, no tsy maintsy handraketanao ny anaran'ireo zanak'Israely roa ambin'ny folo lahy eo amin'ireo vato

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

anankiroa. Aoka hakambanao amin'ny randram-bolamena ireo vato ireo. [12]Aoka ho ataonao eo amin'ireo saron-tsoroka efoda ireo vato anankiroa, mba ho vato fampatsiahivana an'i Yaveh ny amin'ireo zanak'Israely. Arona no hitondra ny anaran'izy ireo eo an-tsorony eo anatrehan'i Yaveh ho fampatsiahivana Azy.
[13]Manaova fitoerana vita amin'ny volamena [14]sy rojo volamena tsy mifangaro roa narandrana tahaka ny tady, ary hafatory eo amin'ireo fitoerana ireo rojo.
[15]Manaova saron-tratra ho an'ny fanapahan-kevitra, asan'ny mpiasa za-draharaha, namboarina tahaka ny efoda. Amboary amin'ny volamena, manga, volomparasy ary volon'ondry jaky, sy amin'ny rongony fotsy madinika izany.
[16]Tokony ho efa-joro izany. Haforeto roa ireo saron-tratra. Tokony ho iray njehiny ny halavany ary iray njehiny ny velarany.
[17]Asio andalam-batosoa sarobidy efatra eo amin'izany. Ny andalana voalohany dia tsy maintsy misy karnelia, topaza, ary emeralda mena. [18]Ny andalana faharoa kosa dia tsy maintsy misy emeralda, safira, ary diamondra. [19]Ny andalana fahatelo dia tsy maintsy asiana opla, agata, ary ametysta. [20]Ny andalana fahefatra dia tsy maintsy misy beryla, sy krysolita ary jaspy. Tsy maintsy hampifanaingenana amin'ny randram-bolamena izany.
[21]Halaharo araka ny anaran'ireo zanak'Israely roa ambin'ny folo lahy, samy araka ny anarany avy ireo vato. Tokony ho tahaka ny sari-sokitra eo amin'ny peratra fitomboka ireo, ary ny anarany tsirairay avy dia manambara ny iray amin'ireo foko roa ambin'ny folo. [22]Asio rojo volamena madio voarandrana tahaka ny tady, eo amin'ny saron-tratra. [23]Manamboara mason-drojo volamena roa ho an'ny saron-tratra ary apetao eo amin'ny zoron'ny saron-tratra anankiroa ireo. [24]Apetaho eo amin'ny zoron'ny saron-tratra roa ireo rojom-bolamena roa.
[25]Hapetao eo amin'ireo fametraham-bato roa ny horin'ny rojo voarandrana. Avy eo apetaho eo amin'ireo saron-tsoroky ny efoda eo alohany izany. [26]Manamboara mason-drojo volamena roa, ary apetaho eo amin'ny zoron'ny saron-tratra roa hafa izany, eo amin'ny sisiny akaikin'ny zorony anatiny.
[27]Manamboara mason-drojo volamena roa hafa ianao, hapetaho eo amin'ny farany ambanin'ireo saron-tsoroka roa eo alohan'ny efoda, manakaiky ny zaitra fikambanany eo ambonin'ny fehin-kibo voatenon'ny efoda izany. [28]Afatory eo amin'ny mason-drojony amin'ny mason-drojon'ny efoda, amin'ny alalan'ny kofehy manga ny saron-tratra, mba hiraiketan'izany eo ambonin'ny fehikibo vaotenon'ny efoda. Natao izany mba tsy hiongotra amin'ny efoda ny saron-tratra.
[29]Rehefa mankao amin'ny fitoerana masina i Arona, dia tsy maintsy mitondra ny anaran'ireo vahoakan'Israely eo amin'ny fony ao amin'ny saron-tratra fanapahan-kevitra, mba ho fahatsiarovana maharitra eo anatrehan'i Yaveh. [30]Aoka apetrakao ao amin'ny saron-tratra fanapahan-kevitra ny Orima sy ny Tomima, mba ho eo amin'ny fon'i Arona izany rehefa miditra eo anatrehan'i Yaveh izy. Amin'izany i Arona dia hitondra ny fomba entina manapa-kevitra ho an'ny vahoakan'Israely eo am-pony lalandava eo anatrehan'i Yaveh.
[31]Ataovy amin'ny lamba volomparasy tanteraka ny akanjo lavan'i efoda. Tsy maintsy misy fitsofohan'ny loha eo afovoan'izany. [32]Aoka hisy morony voatenona manodidina ny vozon'izany mba tsy hitriatra. Tsy maintsy anjaran'ny mpanenona izany asa izany.
[33]Eo amin'ny moron-tongony, dia aoka asianao sarin'apongaben-danitra manga, volomparasy, ary jaky mena manodidina azy. Ireo lakolosin'Andriamanitra dia tsy maintsy mielanelana manodidina izany. [34]Tsy maintsy misy lakolosy volamena dia apongaben-danitra, lakolosy volamena dia apongamben-danitra—ary toy izany hatrany—manodidina ny moron-tongotry ny akanjo lava. [35]Tokony hanaovan'i Arona ilay akanjo lava rehefa manompo izy, mba ho re ny feon'izany rehefa miditra ao amin'ny fitoerana masina eo anatrehan'i Yaveh sy mivoaka izy. Natao izany mba tsy ho faty izy.
[36]Manamboara takela-bolamena tsy mifangaro ka hanisy soratra eo amin'izany, tahaka ny soratra eo amin'ny tombokase hoe: "Masina ho an'i Yaveh." [37]Apetaho amin'ny kofehy manga eo anoloan'ny hamama io takela-bolamena io. [38]Aoka ho eo amin'ny tampon-kandrin'i Arona izany; tsy maintsy mitondra izay fahamelohana rehetra mety hiaraka amin'ny fanatitry ny fanomezana masina izay hatokan'ny Israelita ho an'i Yaveh hatrany izy. Aoka ho eo amin'ny tampon-kandriny lalandava ny hamama mba haneken'i Yaveh ny fanatitr'izy ireo.
[39]Manamboara akanjo vita amin'ny rongony fotsy madinika ianao, ary manamboara hamama vita amin'ny rongony fotsy madinika. Aoka ihany koa ianao hanao fehin-kibo, izay anjara asan'ny mpanao peta-kofehy.
[40]Ho an'ireo zanak'i Arona kosa dia tsy maintsy manamboatra fitafiana, fehin-kibo, ary fehiloha ianao ho voninahitra sy famirapiratan'izy ireo. [41]Aoka ampitafianao i Arona rahalahinao, mbamin'ireo zanany. Tsy maintsy manosotra azy ireo, manamasina azy ireo, ary manokana azy ireo ho Ahy ianao, mba hanompoan'izy ireo Ahy ho mpisorona.
[42]Manamboara atin'akanjo vita amin'ny rongony ho azy ireo mba hanaronana ny nofo mitanjak'izy ireo, ary hanarona azy ireo manomboka avy eo amin'ny valahana ka hatreo amin'ny fe. [43]Tsy maintsy manao ireo akanjo ireo i Arona sy ireo zanany rehefa miditra ao amin'ny trano-lay fihaonana na rehefa manatona ny alitara mba hanompo ao amin'ny fitoerana masina. Tsy maintsy manao izany izy ireo mba tsy ho meloka, raha tsy izany izy ireo dia ho faty. Lalàna maharitra ho an'i Arona sy ireo taranaka mandimby azy izany.

29 [1]Ary izao no tsy maintsy ataonareo mba hanokananareo azy ireo ho ahy mba hanompoan'izy ireo Ahy ho mpisorona. Mangalà vantotr'ombilahy sy ondrilahy roa tsy misy kilema, [2]mofo tsy misy lalivay, ary mofomamy tsy misy lalivay

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

nasiana menaka. Mangalà ihany koa mofo manify tsy misy lalivay voahoso-menaka. Manaova mofo manify amin'ny fampiasana ny lafarinina varim-bazaha.
[3]Ataovy anaty harona iray ireo, ento anaty ny harona ireo, ary atolory miaraka amin'ilay vantontr'ombilahy sy ireo ondrilahy roa. [4]Tsy maintsy mitondra an'i Arona sy ireo zanany eo amin'ny fidirana amin'ny lay fihaonana ianareo. Tsy maintsy manasa an'i Arona sy ireo zanany amin'ny rano ianareo.
[5]Tsy maintsy manala ireo akanjo ary mampitafy an'i Arona amin'ny akanjo lava, akanjo misy ny efoda, ny efoda, ary ny saron-tratra ianareo, mampiraikitra ny fehikibo vita amin'ny tenona-manify efoda manodidina azy. [6]Tsy maintsy mametraka ny satroka amin'ny lohany ary mametraka ny satro-boninahitra masina eo ambonin'ilay satroka. [7]Avy eo dia makà ny menaka fanosorana ary araraho eo amin'ny lohany, izany no fomba hanosorana azy.
[8]Ianareo dia tsy maintsy mitondra ireo zanany ary mampiakanjo lava azy ireo. [9]Tsy maintsy mampiakanjo an'i Arona sy ireo zanany amin'ny saron-tratra ary mametraka fehiloha amin'izy ireo ianareo. Ho azy ireo amin'ny alalan'ny lalàna mandrakizay ny asa fisoronana. Amin'zany fomba izany dia tsy maintsy hanokana an'i Aarona sy ireo zanany mba hanompo Ahy ianareo.
[10]Tsy maintsy hitondra ny vantotr'ombilahy eo anatrehan'ny lay fihaonana ianareo rehetra, ary i Arona sy ireo zanany dia tsy maintsy mametraka ny tanan'izy ireo amin'ny lohan'izany. [11]Tsy maintsy mamono ny vantotr'ombilahy eo anatrehan'i Yaveh eo amin'ny fidirana amin'ny lay fihaonana ianareo.
[12]Tsy maintsy maka ampahany amin'ny ràn'ny vantotr'ombilahy ianareo ary mametraka izany amin'ny rantsan-tananareo amin'ireo tandroky ny alitara, ary tsy maintsy mandraraka ny ambin'ny rà eo amin'ny fototry ny alitara. [13]Tsy maintsy esorinareo ny sabora rehetra izay mandrakotra ny ao anatiny, esory ihany koa ny sabora izay mandrakotra ny aty sy ireo voa roa; dory eo amin'ny alitara izany rehetra izany. [14]Fa ny nofon'ny vantotr'ombilahy kosa, ny hodiny sy ny tain-drorohany, dia tsy maintsy doranareo any ivelan'ny toby. Ho sorona nohon'ny fahotana izany.
[15]Tsy maintsy maka ny ondry lahy ihany koa ianareo, ary i Arona sy ireo zanany dia tsy maintsy mametraka ny tanan'izy ireo eo amin'ny lohan'izany. [16]Tsy maintsy vonoinareo ny ondry lahy, ary maka ny ràny sy mamafy izany amin'ny sisin'ny alitara rehetra. [17]Tsy maintsy tetehinareo ilay ondrilahy ary sasainareo ny ao anatiny sy ny tongony, ary tsy maintsy apetrakareo, miaraka amin'ireo efa voatetika sy ny lohany, eo amin'ny alitarany tao anatiny. [18]Avy eo dory manontolo ilay ondry. Ho fanatitra dorana ho an'i Yaveh izany, hanitra mamerovero, fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.
[19]Tsy maintsy maka ilay ondrilahy hafa ianareo avy eo, ary Arona sy ireo zanany dia tsy maintsy mametraka ny tanan'izy ireo eo amin'ny lohan'izany. [20]Ary tsy maintsy mamono ilay ondrilahy sy maka ampahany amin'ny ràny ianareo. Ataovy eo amin'ny tendron'ny ravin-tsofina ankavanan'i Arona izany, ary eo amin'ny tendron'ny ravin-tsofina ankavanan'ireo zanany, eo amin'ny ankihiben'ny tanana ankavanan'izy ireo, sy eo amin'ny ankihiben-tongotra ankavanan'izy ireo. Avy eo dia tsy maintsy mamafy ny rà amin'ny sisin'ny alitara rehetra ianareo.
[21]Tsy maintsy maka ampahany amin'ny rà izay eo amin'ny alitara sy ampahany amin'ny menaka fanosorana ianareo, ary mamafy izany rehetra izany amin'i Arona sy ny akanjony, amin'ireo zanany sy ny akanjon'izy ireo ihany koa. Dia ho voatokana ho Ahy i Arona, mbamin'ireo fitafiany, ireo zanany sy ireo fitafian'izy ireo.
[22]Tsy maintsy esorinareo ny saboran'ilay ondrilahy, ny saboran'ny rambony, ny sabora izay mandrakotra ny ao anatiny, ny saboran'ny aty, ireo voa roa sy ny saboran'izany, ary ny fe ankavanana-satria io ondrilahy io dia ho an'ny mpisorona izay nohamasinina ho Ahy. [23]Mandraisa mofo iray, mofo iray misy menaka, ary mofo manify iray ao amin'ny harona izay misy ireo mofo tsy misy lalivay izay eo anatrehan'i Yaveh.
[24]Tsy maintsy apetrakareo eo amin'ny tanan'i Arona sy ny tanan'ireo zanany izany ary ataovy mihevaheva eto anatrehako ireo mba ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan'i Yaveh. [25]Tsy maintsy maka ny sakafo avy eo amin'ny tanan'izy ireo ianareo avy eo ary mandoro izany miaraka amin'ny fanatitra dorana eo amin'ny alitara. Hamoaka hanitra mamerovero izany; ho fanatitra natao tamin'ny afo ho Ahy izany.
[26]Tsy maintsy maka ny tratran'ny ondrilahin'ny fanokanana an'i Arona ianareo ary manevaheva izany ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan'i Yaveh, ka ho anjaranareo izany. [27]Tsy maintsy atokanareo ho Ahy ny tratran'ny fanatitra izay nahevaheva, ary ny fe izay anjaran'ireo mpisorona—ny tratra izay nahevaheva sy ny fe izay anjaran'i Arona sy ireo zanany. [28]Ho didy mandrakizay ho an'i Arona sy ireo zanany izany. Ho fandraisana anjaran'ireo olon'Israely ny manome amin'ny fanati-pihavanana ho an'i Yaveh.
[29]Ireo fitafiana masin'i Arona dia tsy maintsy voatokana ho an'ireo zanany mandimby azy. Izy ireo dia ho voahosotra ao amin'izy ireo ary voatokana ho Ahy ao amin'izy ireo. [30]Ny mpisorona izay mandimby azy eo amin'ireo zanany, izay tonga ao amin'ny lay fihaonana mba hanompo Ahy ao amin'ny toerana masina, dia tokony hanao ireo fitafiana ireo mandritra ny fito andro.
[31]Tsy maintsy maka ny ondrilahy ho an'ny fametrahana ny mpisorona ho Ahy sy mahandro ny henan'izany ao amina toerana masina ianareo. [32]Arona sy ireo zanany dia tsy maintsy mihinana ny henan'ny ondrilahy sy ny mofo izay tao anatin'ny harona teo amin'ny fidirana mankao amin'ny lay fihaonana. [33]Izy ireo dia tsy maintsy mihinana ny hena sy ny mofo izay nomena mba hanonerana azy ireo sy hanokanana azy ireo, mba ho voatokana ho Ahy. Tsy misy olon-kafa tokony hihinana ny sakafo, satria izy ireo dia tsy maintsy manao izany tahaka ny hoe nohamasinina ho Ahy, natokana ho Ahy. [34]Raha misy ambiny amin'ny maraina ireo henan'ny fanatitra fanokanana, na izay mofo rehetra, dia tsy maintsy doranareo izany. Tsy azo hohanina intsony izany satria efa natokana ho Ahy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[35]Amin'izany fomba izany, amin'ny alalan'ny fanarahana izay rehetra nodidiako ho ataonareo, no tsy maintsy hitondranareo an'i Arona sy ireo zanany. Mandritra ny fito andro ireo no tsy maintsy homaninareo. [36]Isan'andro ianareo dia tsy maintsy manolotra ombilahy ho fanatitra nohon'ny fahotanareo mba ho fanavotana. Tsy maintsy manadio ny alitara amin'ny alalan'ny fanaovana fanavotana eo amin'izany ianareo, ary ianareo dia tsy maintsy manosotra izany mba hanokanana izany ho Ahy. [37]Mandritra ny fito andro dia tsy maintsy manao fanavotana eo amin'ny alitara sy manokana izany ho an'i Yaveh ianareo. Ka ho voatokana manontolo ho Ahy ny alitara. Izay rehetra mikasika ny alitara dia ho voatokana ho an'i Yaveh.
[38]Tsy maintsy hatolotrareo eo amin'ny alitara isan'andro tsy tapaka ny zanak'ondry herintaona ro. [39]Ny zanak'ondry iray dia tsy maintsy atolotra amin'ny maraina, ary ny zanak'ondry iray hafa dia tsy maintsy atolotra eo ho eo amin'ny filentehan'ny masoandro.
[40]Amin'ilay zanak'ondry voalohany, dia manolora koba manify impolon'ny efaha nafangaro tamin'ny diloilo ampahefatry ny hina avy amin'ny oliva nofihazina, ary divay ampahefatry ny hina mba ho zava-pisotro fanatitra.
[41]Tsy maintsy manolotra ny zanak'ondry faharoa ianareo eo ho eo amin'ny fiposahan'ny masoandro. Ianareo dia tsy maintsy manolotra fanatitra hohanina tahaka tamin'ny maraina, sy zava-pisotro fanatitra. Hiteraka hanitra mamerovero ho Ahy ireo; ho fanatitra natao tamin'ny afo ho Ahy izany. [42]Tsy maintsy fanatitra dorana tsy tapaka amin'ny taranakareo ireo, eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihaonana eo anatrehan'i Yaveh, izay hihaonako aminao sy hiresahako aminao.
[43]Any no hihaonako amin'ireo Israelita, ny lay dia ho atokana ho Ahy amin'ny alalan'ny voninahitro. [44]Hanokana ny lay fihaonana sy ny alitara ho an'ireo izay Ahy manokana aho. Hanokana an'i Arona sy ireo zanany mba hanompo Ahy ho ny mpisorona ihany koa Aho.
[45]Hiaina eo amin'ireo Israelita Aho ary ho Andriamanitr'izy ireo. [46]Ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh, Andriamanitr'izy ireo, izay nitondra azy ireo nivoaka ny tany Egypta mba hahafahako miaina eo amin'izy ireo. Izaho no Yaveh, Andriamanitr'izy ireo.

30 [1]Manamboara alitara handorana ditin-kazo manitra. Ataovy amin'ny hazo akasia izany. [2]Tokony iray hakio ny halavany, ary iray hakio ny sakany. Tokony ho efa-joro izany, ary ny hahavony dia tokony ho roa hakio. Ary tokony hatao iray aminy ny tandrony.
[3]Rakofy ditin-kazo manitra ny alitara miaraka amin'ny volamena madio—ny tampony, ireo sisiny, ary ireo tandrony. Asio sisim-bolamena ny manodidina azy. [4]Manaova mason-drojo volamena roa hafatotra aminy ao ambanin'ny sisiny amin'ireo sisiny roa mifanadrify aminy. Ilay mason-drojo dia tokony hitazona ireo bao mba hilanjana ilay alitara.
[5]Manaova bao amin'ny hazo akasia, ary fonosy amin'ny volamena ireo. [6]Tokony apetrakao eo alohan'ny lamba izay akaiky ny fiaran'ny vavolombelona ny alitaran'ny ditin-kazo manitra. Izany ho eo alohan'ny saronam-panavotana izay eo amin'ny fiaran'ny vavolombelona, izay hihaonako aminareo.
[7]Aoka handoro ditin-kazo manitra isa-maraina i Arona. Aoka rehefa mitazona ireo jiro no handoro izany izy, [8]ary handrehitra ny jiro indray i Arona amin'ny hariva mba hirehitra tsy tapaka eo anatrehan'i Yaveh ny ditin-kazo manitra, hatramin'ireo taranakao. [9]Fa aoka tsy hanolotra ditin-kazo manitra hafa eo amin'ny alitaran'ny ditin-kazo manitra ianao, na koa fanatitra dorana na fanatitra vary. Aza mandraraka fanatitra fisotro eo amin'izany ianao.
[10]Aoka hanao fanavotana indray mandeha isan-taona eo amin'ireo tandroka ireo i Arona. Amin'ny alalan'ny ràn'ny fanatitra nohon'ny ota no hanaovany fanavotana indray mandeha isan-taona ho an'izany ho amin'ny taranakao fara-mandimby. Izany dia voatokana tanteraka ho an'i Yaveh."
[11]Yaveh niteny tamin'ny Mosesy nanao hoe: [12]"Raha maka ny fanisana an'ireo Israelita ianao, dia tokony manome vidim-panavotana ny ainy ho an'i Yaveh avy ny olona tsirairay. Ataonao izany rehefa avy manisa azy ireo ianao, mba tsy hisian'ny areti-mandringana eo amin'izy ireo rehefa manisa azy ireo ianao. [13]Ireo olona rehetra izay voaisa ao amin'ny fanisam-bahoaka dia handoa antsasaky ny sekely volafotsy, araka ny lanjan'ny sekelin'ny fitoerana masina (ny sekely dia mitovy amin'ny gera roa-polo). Io antsasaka sekely io dia hatao ho fanatitra ho an'i Yaveh. [14]Ireo olona rehetra izay voaisa, hatramin'ny roa-polo taona miakatra, no tsy maintsy mandoa io fanatitra io ho Ahy.
[15]Rehefa hanome izany fanatitra izany ho Ahy ny olona hanaovana fanavotana ny ain'izy ireo, dia tsy tokony handoa mihoatra ny antsasaka sekely ny manan-karena, ary ny mahantra tsy handoa latsaka. [16]Tokony handray izany vola fanavotana avy amin'ireo Israelita izany ianareo ary tokony hitondra izany amin'ny asa ao amin'ny trano lay fihaonana. Aoka ho fampatsiahivana ho an'ireo Israelita eo anatrehako izany, mba hanaovana fanavotana ho an'ny ainareo."
[17]Yaveh niresaka tamin'ny Mosesy ary niteny hoe: [18]"Manaova koveta lehibe varahina ihany koa miaraka amin'ny tsanganam-barahina iray, kovetabe iray ho fisasana. Apetrakareo eo anelanelan'ny trano lay fihaonana sy ny alitara izany, ary asio rano ao anatiny.
[19]Ary Arona sy ireo zanany lahy dia tokony hanasa ny tanany sy ny tongotr'izy ireo amin'ny rano ao anatiny izany.
[20]Rehefa handeha ho ao amin'ny trano lay fihaonana izy ireo na rehefa handeha hanakaiky ny alitara mba hanompo Ahy amin'ny alalan'ny fandorana fanatitra, dia tsy maintsy misasa amin'ny rano izy ireo mba tsy ho faty. [21]Tsy maintsy manasa ny tanany sy ny tongony izy ireo mba tsy ho faty. Aoka ho lalàna maharitra ho an'ny Arona sy ireo taranany ary hatramin'ireo taranaka fara-mandimbin'izy ireo izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Niresaka tamin'ny Mosesy Yaveh niteny hoe: [23]"'Raiso ireto zava-manitra tsara ireto: miora-mitete diman-jato sekely, kanelina manim-pofona 250 sekely, fary manim-pofona 250 sekely, [24]kasia diman-jato sekely, norefesina tamin'ny lanjan'ny sekely ny fitoerana masina, sy menaka oliva iray hina. [25]Manaova menaka fanosorana masina miaraka amin'ireo fangaro ireo, izay asan'ny mpangaroharo zava-manitra. Ho menaka fanosorana masina izany, voatokana ho Ahy.
[26]Aoka hosoranao amin'io menaka io ny trano lay fihaonana, toy izany koa ny fiaran'ny vavolombelona, [27]ireo latabatra mbamin'ny fanaka rehetra eo amboniny, ny fitoeran-jiro ary ireo fitaovana, ary ny alitaran'ny ditin-kazo manitra, [28]ny alitaran'ireo fanatitra dorana mbamin'ny fitaovana rehetra, ary ny kovetabe miaraka amin'ny tongony.
[29]Atokany ho Ahy ireo mba ho masina ho Ahy. Izay rehetra mikasika azy ireo ihany koa dia ho masina. [30]Aoka hosoranao i Arona sy ireo zanany lahy ka atokany ho Ahy izy ireo mba hanompo Ahy ho mpisorona. [31]Aoka ho lazainao amin'ireo Israelita hoe: 'Aoka ho menaka fanosorana voatokana ho an'i Yaveh ho an'ireo taranaky ny olona ity.
[32]Tsy azo hosorana amin'ny hoditry ny olona izany, na manao menaka toy izany amin'ny raikipohy mitovy, satria izany dia voatokana ho an'i Yaveh. Fa tokony hijery izany amin'izany fombany izany ianao. [33]Na iza na iza manao ditin-kazo manitra toy izany, na na iza na iza manisy izany eo amin'ny olona, dia tsy maintsy hesorina hiala amin'ny fireneny izany olona izany.'"
[34]Hoy Yaveh tamin'ny Mosesy: "Makà zava-manitra—natafa, sekeleta, ary lebona-zava-manitra mamy izay miaraka amin'ny ditin-kazo madio, ataovy mitovy fatra izany. [35]Ataovy ho toy ny ditin-kazo manitra izany, nafangaron'ny mpanao zava-manitra, miaraka amin'ny sira, madio ary voatokana. [36]Hotorotoroinao hifangaro tsara izany. Apetraho eo alohan'ny fiaran'ny vavolombelona izany, izay ao amin'ny trano lay fihaonana, izay hihaonako aminao. Ary ianareo dia handray izany ho toy ny masina indrindra ho Ahy.
[37]Ny amin'ity ditin-kazo manitra izay hataonao ity, dia tsy tokony hanao raikipohy mitovy ho an'ny tenanao ianao. Tokony ho masina indrindra ho anao izany. [38]Na iza na iza manao zavatra tahaka izany hampiasana ho toy ny rano manitra dia tsy maintsy hesorina hiala amin'ny fireneny izany olona izany."

31 [1]Hoy Yaveh tamin'ny Mosesy hoe: [2]"'Indro, nantsoiko tamin'ny anarany i Bezalela zanak'i Ori sy Ora, avy any amin'ny fokon'i Joda.
[3]Nofenoiko tamin'ny fanahiko i Bezalela, mba hanomezako azy fahendrena, fahazavan-tsaina, ary fahalalana, ho an'ny karazana asa tanana rehetra, [4]mba ho famolavolàna ny kanto ary hiasana amin'ny volamena, volafotsy, ary varahana;
[5]mba hanapaka sy hametra-bato ary hisokitra hazo ihany koa—mba hanao ireo karazana asa tanana rehetra.
[6]Fanampin'izany ho azy, notendreko i Oliaba zanaka lahin' i Ahisamatsa, avy any amin'ny fokon'ny Dana. Nasiako fahaiza-manao ny tao am-pon'ny rehetra izay hendry mba hahafahan'izy ireo manao izay rehetra nandidiako anao. [7]Tafiditra amin'izany ny trano lay fihaonana, ny fiaran'ny fijoroana vavolombelona, ny sarim-panavotana teo ambony fiara, ary ny fanaky ny lay rehetra— [8]ny latabatra rehetra sy ireo fanaka, ny fanaovan-jiro madio miaraka amin'ireo fitaovany, ny alitaran'ny didin-kazo manitra, [9]ny alitaran'ny fanatitra dorana sy ny fitaovany rehetra, ary ny koveta lehibe mbamin'ny vodiny.
[10]Voakasik'izany ihany koa ny akanjo voatenona manify—ireo akanjo masina ho an'i Arona mpisorona sy ny an'ireo zanany, voatokana ho Ahy mba hahafahan'izy ireo manompo ho mpisorona. [11]Voakasik'izany ihany koa ny menaka fanosorana sy didin-kazo manitra ho an'ny toerana masina. Ireo lehilahy mpanao asa tanana rehetra dia tsy maintsy hanao izany araka izay nandidiako anao.
[12]Yaveh niresaka tamin'i Mosesy ary nanao hoe: [13]"'Lazao ireo Israelita hoe: 'Tsy maintsy hajainareo tokoa ny andro Sabatan'i Yaveh, fa izany no famatarana eo aminy sy ianareo manerana ireo taranaky ny vahoakanareo, amin'izay mba ho fantatrareo fa Izy ilay Yaveh, izay nanokana anareo ho Azy. [14]Noho izany dia tsy maintsy manaja ny Sabata ianareo, amin'izay dia tsy maintsy raisinareo ho masina izany, ary voatokana ho Azy izany. Ary izay mandoto izany dia tsy maintsy ho vonoina ho faty tokoa. [15]Na iza na iza miasa amin'ny andro Sabata, dia tsy maintsy ho esorina amin'ny vahokany tokoa izany olona izany. Hatao mandritra ny enina andro ny asa, fa amin'ny andro faha fito dia andro Sabata izay fitsaharana tanteraka, masina, natokana ho fanajana an'i Yaveh. Na iza na iza miasa amin'ny andro Sabata dia ho vonoina tokoa.
[16]Noho izany ireo Israelita dia tsy maintsy manaja ny Sabata. Tsy maintsy mitandrina izany ho lalàna maharitra izy ireo manerana ny taranaky ny vahoakany.[17]Ny Sabata dia ho famantarana eo amn'i Yaveh sy ireo Israelita hatrany, nandritra ny enina andro no nanaovan'i Yaveh ny lanitra sy ny tany, ary tamin'ny andro fahafito dia nitsahatra Izy ary naka aina."'
[18]Rehefa avy niresaka tamin'i Mosesy Andriamanitra teo an-tendrombohitr'i Sinay, dia nomeny takelaka roan'ny didim-panekena izy, vita tamin'ny vato, voasoratra tamin'ny tanany ihany.

32 [1]Rehefa hitan'ny vahoaka fa nitaredretra ny hidina avy any an-tendrombohitra i Mosesy, dia nitangorona nanodidina an'i Arona izy ireo ka nanao taminy hoe: "Avia, manaova sampy ho anay mba hialoha lalana antsika. Fa raha ny amin'iny Mosesy iny, ilay lehilahy izay nitondra antsika niakatra avy tany amin'ny tany Egypta, dia tsy fantatray izay nanjo azy." [2]Dia hoy Arona tamin'izy ireo hoe: "Esory ireo kavina volamena izay eny amin'ny sofin'ny vadinareo, sy eny amin'ny sofin'ny zanakareo lahy sy vavy, dia ento ety amiko izany."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Dia samy nanala ireo kavina volamena teny amin'ny sofin'izy ireo avokoa ny vahoaka rehetra ka nitondra izany teny amin'i Arona. [4]Nandray ny volamena avy amin'izy ireo izy, namolavola izany, ary nanao izany ho zanak'omby voavolavola. Dia hoy ny vahoaka hoe: "Ry Israely, ity no andriamanitrao izay nitondra anao niakatra avy tao amin'ny tany Egypta."
[5]Rehefa hitan'i Arona izany, dia nanamboatra alitara teo anoloan'ilay zanak'omby izy ka nanao fanambarana; hoy izy hoe: "Ho andro firavoravoana amin'ny voninahitr'i Yaveh rahampitso." [6]Nifoha maraina ny vahoaka ny ampitson'io ka nanolotra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana. Avy eo dia nipetraka mba hihinana sy hisotro izy ireo, ary nitsangana nanao fomba fankalazana vetaveta.
[7]Avy eo Yaveh niteny tamin'i Mosesy hoe: "Mandehana faingana, satria manao ratsy, ny vahoakanao, izay nentinao niakatra avy tao amin'ny tany Egypta. [8]Nivily faingana tamin'ny lalana izay nandidiako azy izy ireo. Namolavola ombikely ho azy izy ireo ka nanompo izany sy nanao sorona ho an'izany. Hoy izy ireo hoe: "Ry Israely, ity no andriamanitrao izay nitondra anao niakatra avy tao amin'ny tany Egypta.'"
[9]Dia hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Efa hitako ity vahoaka ity. Indro, vahoaka mafy hatoka izy ireo. [10]Koa ankehitriny, aza manakana Ahy akory. Hirehitra amin'izy ireo ny hatezerako, ka haringako izy ireo. Dia hanao firenena lehibe avy aminao Aho." [11]Fa niezaka nampitony an'i Yaveh Andriamaniny i Mosesy. Hoy izy hoe: "Ry Yaveh, nahoana ny hatezeranao no mirehitra amin'ny vahoakanao, izay nentinao niakatra avy tany amin'ny tany Egypta tamin'ny hery lehibe sy tanana mahery?
[12]Nahoana ireo Egyptiana no tokony hilaza hoe: 'Fikasàna ratsy no nitarihany azy ireo hivoaka, mba hamonoana azy ireo any an-tendrombohitra sy handringanana azy ireo hiala amin'ny tany?' Mialà amin'ny fahatezeranao ary atsaharo ity famaizana amin'ny vahoakanao ity. [13]Tsarovy Abrahama sy Isaka ary Israely, mpanomponao, izay nianianananao ka nilazanao tamin'izy ireo hoe: "Hanamaro ny taranakareo toy ny kintana eny an-danitra Aho, ary homeko ny taranakareo ny tany rehetra izay efa noresahako taminareo. Handova izany mandrakizay izy ireo.'" [14]Avy eo dia nilefitra tamin'ny famaizana izay nolazainy fa hampiariny amin'ny vahoakany i Yaveh.
[15]Avy eo dia nitodika i Mosesy ary nidina avy any an-tendrombohitra, nitondra teny an-tanany ireo vato fisaka roa misy ireo lalàn'ny fanekena. Samy voasoratra ny andaniny roa amin'ilay vato, ny ao aloha sy ao aoriana. [16]Asan'Andriamanitra manokana ireo vato, ary sora-tanan'Andriamanitra manokana ny soratra voasokitra eo amin'ireo vato fisaka.
[17]Rehefa ren'i Josoa ny tabataban'ireo vahoaka izay nihikiaka, dia hoy izy tamin'i Mosesy hoe: "Misy feon'ny ady ao amin'ny toby." [18]Fa hoy Mosesy hoe: "Tsy feon'ny mpandresy izany reko izany, ary tsy feon'ny olona resy, fa feon'olona mihira no reko."
[19]Rehefa nanatona ilay toby Mosesy, dia nahita ilay zanak'omby sy vahoaka nandihy. Tezitra mafy izy. Natsipiny avy teny an-tanany ireo vato fisaka ary nopotehiny teny ambanin'ny tendrombohitra. [20]Nalainy ilay zanak'omby izay namboarin'ny vahoaka, nodorany, ary notorotoroiny ho vovoka, ka nafafiny tany amin'ny rano. Avy eo nampisotroiny ny vahoakan'Israely izany.
[21]Dia hoy i Mosesy tamin'i Arona hoe: "Inona no nataon'ity vahoaka ity taminao, no dia nitondranao fahotana lehibe tahaka izao izy ireo?" [22]Fa hoy Arona hoe: "Aza avela hirehitra ny hatezeranao, ry tompoko. Fantatrao ireo vahoaka ireo, ny faharisihan'izy ireo hanao ratsy. [23]Hoy izy ireo tamiko hoe: 'Hanamboary andriamanitra hialoha lalana anay izahay. Fa raha ny amin'iny Mosesy iny, ilay lehilahy izay nitondra anay niakatra avy any amin'ny tany Egypta, dia tsy fantatray izay nanjo azy.' [24]Ka hoy aho tamin'izy ireo hoe: 'Na iza na iza manana volamena, dia aoka izy hanala izany.' Nomen'izy ireo ahy ny volamena dia natsipiko tao anaty afo izany, ary avy amin'izany no nahazoana ity ombikely ity."
[25]Hitan'i Mosesy fa nanao fitondran-tena tsy mendrika ireo vahoaka (satria navelan'i Arona hioha-pefy izy ireo, namela ireo fahavalon'izy ireo haneso azy ireo). [26]Avy eo Mosesy nijoro teo amin'ny fidirana mankao amin'ny toby ka nanao hoe: "Na iza na iza miaraka amin'i Yaveh, dia mankanesa ety amiko." Nitangorona nanodidina azy ireo Levita rehetra. [27]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Yaveh, Andriamanitr'Israely, dia nilaza hoe: 'Aoka ny olona tsirairay hanao ny sabatrany ho eo am-balahany ary hivezivezy eo amin'ny isam-baravarana manerana ny toby, ka hamono ny rahalahiny, ny sakaizany ary ny namany aminy.'"
[28]Nataon'ireo Levita izay nandidian'i Mosesy. Tamin'io andro io dia teo amin'ny telo arivo olona no maty. [29]Hoy Mosesy tamin'ireo Levita hoe: "Anio dia natao ho mpanompon'i Yaveh ianareo, satria namono ny zanany lahy sy ny rahalahiny ny tsirairay aminareo, mba hanomezan'i Yaveh fitahiana ho anareo anio."
[30]Ny ampitson'iny dia hoy Mosesy tamin'ireo vahoaka hoe: "Nanao fahotana lehibe tokoa ianareo. Ankehitriny dia hiakatra ho any amin'i Yaveh aho. Angamba mety afaka mitondra fanavotana amin'ny fahotanareo aho." [31]Dia niverina tany amin'i Yaveh i Mosesy ka nanao hoe: "Indrisy! Nanao fahotana lehibe ireto vahoaka ireto ary nanamboatra sampy vita tamin'ny volamena ho an'ny tenan'izy ireo. [32]Nefa ankehitriny, avelao re ny fahotan'izy ireo; fa raha tsy izany, dia esory ao amin'ny boky izay nosoratanao ny anarako."
[33]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Na iza na iza nanota tamiko, dia ho esoriko ao anatin'ny boky ny anaran'izany olona izany. [34]Koa mandehana ankehitriny, tariho ho any amin'ny toerana izay efa nolazaiko anao ny vahoaka. Indro, hialoha anao ny anjeliko. Fa amin'ny andro hamaizako azy ireo, dia ho faiziko nohon'ny fahotany izy ireo." [35]Avy eo Yaveh nandefa loza teo amin'ireo vahoaka satria izy ireo nanamboatra ilay ombikely, izay nataon'i Arona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

33 [1]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Mialà teto, ianao sy ireo olona izay nentinao nivoaka ny tany Egypta. Mandehana any amin'ny tany izay nanaovako fianianana tamin'i Abrahama, tamin'i Isaka, ary tamin'i Jakoba, rehefa niteny Aho hoe: 'Homeko ho an'ireo taranakao ity.' [2]Haniraka anjely eo anoloanao Aho, ary Izaho handroaka ireo Kananita, Amorita, Perisita, Hivita, ary Jebosita. [3]Mandehana any amin'izany tany izany, izay hikorianan'ny ronono sy tantely, fa tsy hiakatra hiaraka aminareo Aho, satria vahoaka mafy loha ianareo. Mety handringana anareo eny an-dalana aho."
[4]Rehefa ren'ny vahoaka ireo teny nanahiran-tsaina ireo, dia nalahelo izy ireo, ary tsy nisy niambozona firavaka intsony. [5]Yaveh niteny tamin'i Mosesy hoe: "Lazao amin'ireo Israelita hoe: 'Vahoaka mafy loha ianareo. Raha mandeha eo aminareo Aho na dia fotoana iray aza, dia handringana anareo Aho. Koa ankehitriny, esory ireo firavakareo mba hahafahako manapa-kevitra amin'izay tokony hatao aminareo.'" [6]Dia tsy niravaka firavaka ireo Israelita avy tany an-tendrombohitr'i Horeba.
[7]Nandray lay i Mosesy ary nanorina izany ivelan'ny toby, lavidavitra kely ny toby. Nantsoiny hoe ny trano lay fihaonana izany. Ireo rehetra izay nangataka zavatra tamin'i Yaveh no mivoaka ka mankao amin'ny trano lay fihaonana, ivelan'ny toby. [8]Rehefa hivoaka avy ao amin'ny lay Mosesy, dia nijoro teo amin'ny fidirana ao amin'ny lainy avy ireo vahoaka ary nitazana an'i Mosesy mandra-pidirany ao anatiny. [9]Isaky ny niditra ny lay i Mosesy, dia nidina ny andry rahona ary nitsangana teo amin'ny fidirana ao amin'ny lay, dia niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh.
[10]Isaky ny mahita izany andry rahona izany eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay ny vahoaka, dia niarina ary nanompo, ny olona rehetra isaky ny fidirana ao amin'ny lainy avy. [11]Yaveh dia niresaka nifanatri-tava tamin'i Mosesy, tahaka ny olona miresaka amin'ny sakaizany. Dia niverina tany an-toby i Mosesy, fa i Josoa mpanompony zanak'i Nona, izay zatovo, dia nijanona tao amin'ny lay.
[12]Hoy i Mosesy tamin'i Yaveh: "Indro, Ianao nilaza tamiko hoe: 'Ento mandia ireo olona ireo,' nefa Ianao tsy namela ahy hahafantatra hoe iza no hirahinao hiaraka amiko. Niteny Ianao hoe: 'Izaho mahalala anao amin'ny anarana, ary nahita fitia teo imasoko koa ianao.' [13]Ankehitriny raha nahita fitia teo imasonao ary aho, asehoy ahy ny lalanao mba hahafahako mahafantatra Anao ary hanohy hila fitia eo imasonao. Tsarovy fa vahoakanao ity firenena ity."
[14]Yaveh namaly hoe: "Ny fanatrehako mihitsy no hiaraka aminao, ary Izaho hanome anao fitsaharana." [15]Hoy Mosesy taminy: "Raha tsy miaraka aminay Ianao, dia aza esorinao eto izahay. [16]Fa raha tsy izany, ahoana moa no hahafantarana fa nahita fitia teo imasonao aho, izaho sy ireo vahoakanao? Moa ve tsy ny handehananao miaraka aminay ihany no mampiavaka ahy sy ireo vahoakanao amin'ny firenena rehetra izay eto ambonin'ny tany?"
[17]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Hataoko ihany koa izany zavatra nangatahinao izany, fa nahita fitia teo imasoko ianao, ary mahalala anao amin'ny anarana aho." [18]Hoy i Mosesy: "Mba asehoy ahy re ny voninahitrao."
[19]Hoy Yaveh: "Ampandaloviko eo anatrehanao ny fahatsarako rehetra, ary Izaho hanambara ny anarako 'Yaveh' eo anatrehanao. Hiantra izay hiantrako aho, ary haneho famindram-po amin'izay hanehoako famindram-po." [20]Fa hoy Yaveh: "Mety tsy hahita ny tavako ianao, satria tsy misy afaka mahita Ahy ka ho velona."
[21]Hoy Yaveh: "Indro, ity ilay toerana eto akaikiko; hitsangana ambonin'io vatolampy io ianao. [22]Raha mbola mandalo ny voninahitro, dia apetrako an-tsefaky ny vatolampy ianao ary horakofako ny tanako ianao mandra-pandaloko. [23]Dia ho esoriko ny tanako, ary hahita ny ivohoko ianao, fa tsy ho hita kosa ny tavako."

34 [1]Dia hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Manamboara vato fisaka roa tahaka ireo voalohany. Hosoratako ao ireo teny izay tao anatin'ny vato fisaka voalohany, dia ireo vato izay novakianao. [2]Mivonona mandra-maraina ary miakara any an-tendrombohitr'i Sinay, dia asehoy amiko eo an-tampon-tendrombohitra ny tenanao.
[3]Tsy hisy olona hiara-hiakatra aminao. Koa aza avela hisy olon-kafa ho hita eny an-tendrombohitra. Aoka tsy hisy na biby fiompy na omby aza hiraoka eo anoloan'ny tendrombohitra." [4]Dia namboarin'i Mosesy ireo vato fisaka roa tahaka ireo voalohany, ary nifoha maraina izy ka lasa niakatra tany an-tendrombohitra Sinay, araka ny nandidian'i Yaveh azy. Ary nentin'i Mosesy teny an-tanany ireo vato fisaka.
[5]Dia nidina tao amin'ny rahona Yaveh ka nitsangana niaraka tamin'i Mosesy teo, ary nanonona ny anarana hoe "Yaveh" izy. [6]Dia nandalo teo anoloany Yaveh ka nanambara hoe: "Yaveh, Yaveh, Andriamanitra dia mamindra fo sy miantra, mahari-po, sy feno fahatokiam-panekena sy fahamendreham-pitokisana, [7]mitazona ny tsy fivadiham-panekena hatramin'ny taranaka arivo mifandimby, mamela heloka, fahadisoana, ary fahotana Izy. Kanefa hanadio izay meloka Izy. Hamaly ny helok'ireo ray amin'ireo zanaka Izy sy amin'ireo zanak'ireo zanaka, hatramin'ny taranaka fahatelo sy fahefatra."
[8]Dia nanondrika haingana ny lohany tamin'ny tany i Mosesy ka nivavaka. [9]Ka hoy izy hoe: "Ankehitriny raha nahita fitia teo imasonao aho, Tompoko, mba mandehana eo afovoanay, fa mafy hatoka ireo olona ireo. Mamelà ny helokay sy ny fahotanay, ary raiso ho lovanao izahay."
[10]Dia hoy Yaveh hoe: "Indro, hanao fanekena Aho. Ka eo anatrehan'ny olonao rehetra, dia hanao zava-mahagaga izay tsy mbola natao tamin'ny tany rehetra na firenena Aho. Hahita ireo asako ny olon-drehetra ao aminao, fa zavatra mampatahotra no hataoko miaraka aminao. [11]Ankatoavy izay nandidiako anao androany. Horoahiko hiala tsy ho eo anatrehanareo ireo Amorita, Kanananita, Hetita, Perizita, Hivita, ary ireo Jebosita.
[12]Koa mitandrema mba tsy hanao fifanekena amin'ny mponina any amin'ny tany izay alehanao ianao, fandrao lasa fandrika eo aminareo izany. [13]Nefa kosa, ravao ireo alitarany, torotoroy ireo tsangam-batony, ary poteho ireo bao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Aserahan'izy ireo. [14]Ary ianao tsy hanompo Andriamanin-kafa, fa Yaveh, izay manana anarana hoe Saropiaro, dia Andriamanitra saro-piaro.
[15]Koa mitandrema mba tsy hanao fifanekena amin'ny mponina ao amin'ny tany, satria izy ireo mivarotra ny tenany amin'ireo andriamaniny, ary manao sorona ho an'ireo andriamaniny izy ireo. Ka ny iray amin'izy ireo hanasa anao, dia hihinana ny sasany amin'ny sorony ianao, [16]ary na dia haka ny sasany amin'ireo zanany vavy ho an'ireo zanakao lahy aza ianao, dia mbola hivarotra ny tenany amin'ireo andriamaniny ihany ireo zanany vavy, ary hampijangajanga ireo zanakao lahy amin'ireo andriamaniny. [17]Aza manao andriamanitra voavolavola amin'ny vy ho anao.
[18]Aoka ho tandremanao ny Firavoravoan'ny Mofo Tsy misy Masirasira. Araka ny nandidiako anao, hafitoana no hinananao ny mofo tsy misy lalivay amin'ny fotoana raikitra amin'ny volana Abiba, satria tamin' ny volana Abiba no nivoahanareo avy tany Egypta.
[19]Ireo lahimatoa rehetra dia Ahy, eny na dia ny lahimatoa rehetra amin'ireo biby fiompinao aza, ny omby sy ireo ondry.
[20]Koa tsy maintsy hiverina hividy ny apondra sy ny ondry ianao, ka rehefa tsy haverinao vidiana izany, dia hofolahinao ny vozony. Tsy maintsy haverinao vidiana ireo lahimatoan'ireo zanakao lahy. Ary aoka tsy hisy olona hiseho eo anoloako amin-tanam-polo
[21]Mety hiasa mandritry ny enina andro ianao, fa amin'ny andro fahafito dia tsy maintsy mitsahatra ianao. Eny na dia amin'ny taom-pamafazana sy taom-pijinjana aza, dia tsy maintsy mitsahatra ianao. [22]Tsy maintsy hitandrina ny Herinandron'ny Firavoravoana amin'ny fanaterana ny voaloham-bokatra amin'ny fijinjam-bary ianao, ary tsy maintsy hitandrina ny Andro firavoravoana amin'ny fanangonana amin'ny fiafaran'ny taona ianao.
[23]Tsy maintsy hiseho intelo isan-taona eo anatrehan'ny Tompo Yaveh ny lehilahinao rehetra, dia ny Andriamanitry ny Israely. [24]Fa handroaka firenena eo alohanao Aho ary hanitatra ny sisin-taninao. Tsy hisy haniry ny hanana ny taninao ho azy rehefa miakatra miseho eo anoloan'i Yaveh Andriamanitrao intelo isan-taona ianao.
[25]Tsy hanolotra ràm-biby atao fanatitra miaraka amin'ny lalivay ianao, na hamela ny hena avy amin'ny fanatitra amin'ny andro Firavoravoan'ny Paska ho tra-maraina. [26]Tsy maintsy entinao ao an-tranoko ny tsara indrindra amin'ny voaloham-bokatra avy amin'ny sahanao. Ary ianao tsy hahandro zanak'osy amin'ny rononon-dreniny."
[27]Dia hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Soraty ao ireo teny ireo, fa Izaho hanao antoka ny tenako amin'ireo teny izay nolazaiko, ary efa nanao fanekena taminao sy Israely." [28]Niaraka tamin'i Yaveh efapolo andro sy efapolo alina tany Mosesy; tsy nisakafo na nisotro rano izy. Dia nosoratany tamin'ireo vato fisaka ireo teny fanekena, dia ny Didy folo.
[29]Rehefa nidina avy any an-tendrombohitra Sinay niaraka tamin'ireo vato fisaka roa nisy ny didim-panekena teny an-tanany Mosesy, dia tsy fantany fa lasa namirapiratra ny hodi-tavany rehefa niresaka tamin'Andriamanitra. [30]Rehefa nahita an'i Mosesy i Arona sy ireo Israelita, dia namirapiratra ny hodi-tavany, ka natahotra ny hanakaiky azy izy ireo. [31]Fa Mosesy niantso azy ireo, ary Arona sy ireo mpitarika rehetra eo amin'ny fivondronana kosa niakatra nankeo aminy. Ary dia niresaka tamin'izy ireo Mosesy.
[32]Taorian'izany, nanatona an'i Mosesy ny vahoakan'Israely rehetra, ary izy nanambara ireo didy izay nomen'i Yaveh azy tany an-tendrombohitra Sinay.[33]Rehefa vita ny resak'i Mosesy tamin'izy ireo, dia nasiany voaly ny tavany.
[34]Na oviana na oviana no handehanan'i Mosesy eo anoloan'i Yaveh mba hiresaka aminy, dia nanala ny voaliny izy, mandra-pivoahany. Ary rehefa nivoaka izy, dia nilaza tamin'ireo Israelita izay nandidiana azy ho lazainy. [35]Rehefa hitan'ny Israelita ny famirapiratan'ny tavan'i Mosesy, dia nasarony ny tavany indray ny voaly madra-piveriny ao mba hiresaka amin'i Yaveh.

35 [1]Nampivory ireo mponin'ny Israelita rehetra Mosesy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Ireto ny zavatra izay nandidian'i Yaveh ho ataonareo. [2]Andro enina no afaka anaovana ny asa, fa ho anareo, ny andro fahafito dia ho andro masina, andro Sabatan'ny fitsaharana feno, sy masina ho an'i Yaveh. Na iza na iza miasa amin'izany andro izany dia hovonoina ho faty. [3]Aoka tsy handrehitra afo any amin'ny tranonareo ianareo amin'ny andro Sabata."
[4]Niteny tamin'ireo fivondronan'ny Israelita rehetra Mosesy, nanao hoe: "Izao no zavatra nandidian'i Yaveh. [5]Makà fanatitra ho an'i Yaveh, ianareo rehetra izay manana fahavononam-po. Mitondrà fanatitra ho an'i Yaveh—volamena, volafotsy, varahina, [6]manga, volomparasy, ary volon'ondry jaky sy rongony fotsy madinika; volon'osy; [7]hoditr'ondry lahy miloko mena sy hodi-dogaona; hazo akasia; [8]menaka atao amin'ny fanaovan-jiro masina, hanitra ho an'ny menaka fanosorana ary ditin-kazo manitra, [9]vato berila sy vato sarobidy hafa apetraka ho amin'ny efoda sy ny saron-tratra.
[10]Ny lehilahy rehetra izay manana fahaizana eo aminareo dia ho avy ka hanao ny zavatra rehetra izay nandidian'i Yaveh — [11]ny tabernakely mbamin'ny lainy, ny sarony, ny varangony, ny rafitrany, ny barany, ny tsangatsangany, ary ny faladiany; [12]ary koa ny fiara mbamin'ny baony, ny sarom-panavoatana ary ny lamba hanafenana azy.
[13]Nentin'izy ireo ilay latabatra mbamin'ny baony, ny fanaka rehetra ao aminy, ary ny mofon'ny fanatrehana; [14]ny fanaovan-jiro ho an'ireo hazavana, mbamin'ny fitaovana amin'izany, ireo jirony, ary ny solika ho an'ireo jiro; [15]ny alitara fandoroana miaraka amin'ireo baony, ny menaka fanosorana sy ny ditin-kazo manitra; ny fefy lamba ho an'ny fidiran'ny tabernakely; [16]ny alitara ho an'ireo fanatitra dorana mbamin'ny makarakara varahin'izany sy ireo baony ary ireo fanaka; ary ny kovetabe sy ny faladiany.
[17]Nentin'izy ireo ny fefy lamba ho an'ny kianja mbamin'ny tsangatsangany sy ny faladiany, sy ny lamba ho an'ny fidirana ao an-kianja; [18]ary ny fihantonan'ny lay ho an'ny tabernakely sy ny kianja, niaraka tamin'ireo tadiny. [19]Nitondra ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

akanjo voatenona madinika hanompoana teo amin'ny toerana masina izy ireo, ny akanjo masina ho an'i Arona mpisorona sy ireo zanany lahy, mba hanompoan'izy ireo ho mpisorona.
[20]Avy eo dia nandao ary niala teo anatrehan'i Mosesy avokoa ireo fokon'ny Israely. [21]Dia tonga ireo olona rehetra izay voatariky ny fony sy ireo izay notarihin'ny fanahiny hanam-piniavana ary nitondra fanatitra ho an'i Yaveh ho an'ny fanamboarana ny tabernakely, ho amin'izay zavatra rehetra mety ampiasaina amin'izany, sy ho an'ireo akanjo masina.
[22]Tonga izy ireo, na ny lehihahy na ny vehivavy, izay rehetra tsara sitrapo. Nitondra ireo fisisika, kavina, peratra, ireo firavaka, sy ireo karazana firavaka volamena rehetra izy ireo. Nanolotra fanatitra volamena ho fanatitra ahevaheva ho an'i Yaveh izy rehetra.
[23]Ny olona rehetra izay nanana manga, volomparasy, na volon'ondry jaky, rongony fotsy madinika, volon'osy, hoditr'ondry lahy miloko mena, sy hodi-dogaona dia nitondra ireo. [24]Ny olona rehetra nanao fanatitra volafotsy na varahina dia nitondra izany ho fanatitra ho an'i Yaveh, ary ny olona rehetra izay nanana hazo akasia mety ampiasaina amin'ny asa dia nitondra izany.
[25]Ireo vehivavy rehetra nanana fahaiza-manao dia namoly volon'ondry tamin'ny tanany ary nitondra izay voavoliny—manga, volomparasy, na volon'ondry jaky na rongony fotsy madinika. [26]Ireo vehivavy rehetra nentanin'ny fony sy ireo izay nanana fahaizana dia namoly volon'osy.
[27]Ireo mpitarika dia nitondra vato beryla sy vatosoa hafa koa mba hatao ao amin'ny efoda sy ireo saron-tratra; [28]nitondra zava-manitra sy menaka ho amin'ny fanaovan-jiro, ho an'ny menaka fanosorana, ary ho an'ny ditin-kazo manitra izy ireo.
[29]Dia nitondra fanati-tsitrapo ho an'i Yaveh ireo Israelita; ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra izay notarihin'ny fony dia nitondra fitaovana ho amin'ny asa rehetra izay nandidian'i Yaveh tamin'ny alalan'i Mosesy mba hatao.
[30]Hoy Mosesy tamin'ireo Israelita hoe: "Indro, Yaveh niantso an'i Bezalila zanaka lahin'i Ory zanaka lahin'i Hora, avy amin'ny fokon'i Joda. [31]tamin'ny Fanahiny i Bezalila, mba hanome azy fahendrena, fahatakarana, ary fahalalana, amin'ireo karazana fanaovana tao-zavatra rehetra, [32]mba hanao asa kanto famoronana sy hiasa amin'ny volamena, volafotsy, ary varahina; [33]ary koa mba hanapaka sy hametraka ireo vato ary hisokitra ireo hazo—mba hanaovana ireo karazana asa famoronana rehetra sy fanaovana tao-zavatra.
[34]Nataony tao am-pony mba hampianarana izany, dia izy sy Oholiaba zanaka lahin'i Ahisamaka, avy amin'ny fokon'i Dana. [35]Nameno azy ireo tamin'ny fahaiza-manao zavatra mba hanaovana ireo karazana asa rehetra izy, ho mpanao asa-tanana, ho mpanao asa sokitra, ary ho mpanao peta-kofehy amin'ny manga, ny volomparasy, ny volon'ondry jaky ary ny rongony fotsy madinika, ary ho mpanenona. Mpanao asa tanana amin'ny karazan'asa rehetra izy ireo, ary mpamorona asa kanto.

36 [1]I Bezalila sy Oholiaba ary ireo olona manan-talenta rehetra izay efa nomen'i Yaveh fahaiza-manao sy fahakingana mba ahafantatra ny fomba fiasa amin'ny fanamboarana ny toerana masina dia nanao ny asa arak'izay rehetra nadidin'i Yaveh.
[2]Nampanantsoin'i Mosesy i Bezalila, Oholiaba, ary ireo olona manan-talenta izay nomen'i Yaveh fahaiza-manao, ary izay nentanin'ny fony ho avy ka hanao ny asa. [3]Izy ireo dia nandray ireo fanatitra rehetra avy tamin'i Mosesy, izay nentin'ireo Isiraelita ho amin'ny fanamboarana ny toerana masina. Isa-maraina dia mbola nanome fanati-tsitrapo ho an'i Mosesy ireo olona. [4]Koa ireo olona manan-talenta rehetra niasa teo amin'ilay toerana masina dia niala tamin'ny asany izay nataony.
[5]Ary nilaza tamin'i Mosesy ny mpanao asa tanana hoe: "Nitondra mihoatra noho izay ampy amin'ny fanaovana ny asa izay nandidian'i Yaveh ho ataonay ireo olona." [6]Koa Nanome baiko i Mosesy fa tsy tokony hisy hitondra fanatitra amin'ny fanamboarana ny toerana masina intsony ao amin'ny toby na iray aza. Ary nitsahatra nitondra fanomezana ireo olona.
[7]Nanana fitaovana mihoatra noho izay ilaina amin'ny asa rehetra izy ireo.
[8]Koa dia nanambotra tabernakely amin'ny lamba vita amin'ny rongony fotsy sy manga, volomparasy, sy volon'ondry jaky ary miendrika Kerobima ireo mpanao asa-tanana rehetra tao amin'izy ireo. Izany dia asan'i Bezalila, ilay mpanao asa-tanana tena mahay. [9]Ny halavan'ny lamba tsirairay dia valo ambin'ny folo hakiho, ary ny sakany dia efatra hakiho. Mitovy habe ireo lamba rehetra. [10]Natambatr'i Bezalila ny lamba dimy, ary ireo dimy hafa dia natambany ihany koa.
[11]Nanao tadivaravarana manga teo amin'ny faran'ny sisin-damba tamin'ny sisiny anakiray efa voavitrany izy, ary nataony toy izany koa sisin-damba tamin'ny vitrana faharoa. [12]Nanao tadivararavarana dimam-polo tamin'ireo lamba voalohany izy ary dimampolo ny tadivaravarana eny amin'ny sisiny tamin'ny lamba faharoa voavitrana. Koa ireo tadivaravarana dia mifanadrify avy. [13]Nanao farango volamena dimam-polo izy ary nakambany niaraka tamin'izany ireo lamba mba hitambatra ho iray ny tabernakely.
[14]Nanao lamba vita tamin'ny volon'osy i Bezalila ho lay handrakofana ny tabernakely; nahavita lamba iraika ambin'ny folo isa izy. [15]Ny halavan'ny lamba tsirairay dia telopolo hakiho, ary ny sakany lamba iray dia efatra hakiho. Mitovy habe ireo lamba iraika ambin'ny folo ireo. [16]Nakambany tsirairay ireo lamba dimy ary ny enina hafa dia nakambany manokana. [17]Nasiany tadivaravarana dimampolo tamin'ireo ambin-damba voavitrana voalohany, ary dimampolo tamin'ireo ambin-damba izay nakambany tamin' ireo vitrana faharoa.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[18]Nahavita farango varahina dimampolo i Bezalila mba hanakambanana ny lay ho iray. [19]Nanamboatra fandrakofana vita amin'ny hoditr'ondry lahy miloko mena ho an'ny tabernakely, sy fandrakofana hafa vita amin'ny hoditra mba ho eo ambonin'izany izy.
[20]Ary nanamboatra rafitra mitsangana vita amin'ny hazon'ny akasia i Bezalila ho amin'ny tabernakely. [21]Ny halavan'ireo zana-kazo tsirairay dia folo hakiho, ary ny sakan'ireo zana-kazo dia iray sy sasany hakiho. [22]Ny rafitra tsirairay avy dia misy zana-kazo roa mba hampikambana azy ireo miaraka. Nataony toy izany avokoa ireo rafitry ny tabernakely. [23]Dia nataony tahaka izao ireo rafitra rehetra ho an'ny tabernakely: rafitra roapolo ho an'ny ilany atsimo.
[24]Nanao tongony volafotsy efapolo i Bezalila mba atao eo ambanin'ireo rafitra roapolo. Nisy faladiany roa tao ambanin'ny rafitra iray mba hampitambatra an'ireo rafitra rehetra, ary faladiany roa ihany koa ambanin'ireo rafitra tsirairay hafa mba hikambanan'ireo. [25]Ary ny ilany faharoan'ny tabernakely, teo amin'ny ilany avaratra, dia nasiany rafitra roapolo [26]sy faladiany volafotsy efapolo. Misy faladiany roa ambanin'ilay rafitra voalohany, faladiany roa no ambanin' ilay hazo fisaka manaraka, dia toy izay hatrany.
[27]Nanamboatra rafitra enina i Bezalila ho an'ny lamosin'ny tabernakely andrefana. [28]Nasiany rafitra roa eny amin'ireo zorony tabernakely.
[29]Ireo hazo fisaka ireo dia nisaraka avy ny ambany, fa nitambatra tamin'ny mason-drojo iray eny an-tampony. Nataony tahaka izany ny roa tamin'ireo ho an'ny zorony roa. [30]Ary nisy rafitra valo, niaraka tamin'ireo faladiany volafotsy. Enina ambin'ny folo ny isan'ireo faladiany, faladiany roa ambanin'ny rafitra voalohany, faladiany roa ambanin'ny rafitra manaraka, ary toy izany hatrany.
[31]Nanao bara vita amin'ny hazo akasia i Bezalila—dimy ho an'ny rafitry ny ilan'ny tabernakely, [32]bara dimy ho an'ny rafitra amin'ny ilan'ny tabernakely hafa, ary bara dimy ho an'ny rafitra ao an-damosin'ny tabernakely miakandrefana.
[33]Nataony teo anivon'ireo rafitra ilay bara, izany hoe, antenantenany ambony, mba hahatrarana ny farany roa.
[34]Norakofany volamena ireo rafitra. Nanamboatra ny mason-drojon'ireo tamin'ny volamena izy, mba hampiasaina hihazonana an'ireo bara, ary norakofany tamin'ny volamena ireo bara.
[35]Koa dia nanambotra lamba vita amin'ny rongony fotsy sy manga, volomparasy, sy volon'ondry jaky ary miendrika Kerobima, izay asan'ny mpanao asa-tanana za-draharaha i Bezalila. [36]Nanambotra andry vita amin'ny hazo akasia izy, ary norakofany volamena ireo. Nanao farangom-bolamena ho an'ireo andry ihany koa izy, ary nanefy faladiany volafotsy efatra ho an'ireo.
[37]Nanamboatra fefy lamba ho an'ny fidirana amin'ny lay izy. Natao tamin'ny manga, volomparasy, ary volon'ondry jaky, tamin'ny fampiasana rongony fotsy madinika izany, izay asan'ny mpanao peta-kofehy. [38]Nanamboatra fefy lamban'ireo andry dimy tamin'ny farango ihany koa izy. Norakofany volamena ny tampon'ireo sy ireo fihatonany. Ireo faladiany dimy dia natao tamin'ny varahina.

37 [1]Bezalila nanao ilay fiara tamin'ny hazo akasia. Roa hakiho sy sasany ny halavany; iray hakiho sy sasany ny velarany; ary iray hakiho sy sasany ny hahavony. [2]Nanarona izany tao anatiny sy tao ivelany izy niaraka tamin'ny volamena tsy miharo ary nanao izany ho sisim-bolamena manodidina ny tampony. [3]Nanefy mason-drojo volamena efatra izy ho an'ny tongony efatra, niaraka tamin'ny mason-drojo roa tamin'ny ilany iray, ary mason-drojo roa tamin'ny ilany hafa.
[4]Nataony tamin'ny hazo akasia ny bao ary nanarona izany tamin'ny volamena izy. [5]Nametraka ilay bao tao amin'ny mason-drojo teo amin'ireo sisin'ny fiara izy, mba hilanjana ny sambo fiara. [6]Nanao saronam-panavotana volamena tsy miharo izy. Roa hakiho sy sasany ny halavany, ary iray hakiho sy sasany ny sakany.
[7]Bezalila nanao kerobima volamena roa ho an'ny tendron'ny saronam-panavotana roa. [8]Ny kerobima iray dia ho an'ny tendron'ny saronam-panavotana iray, ary ny kerobima iray hafa dia ho an'ny tendron'ny saronam-panavotana iray hafa. Natao ho ampahany iray ihany ireo miaraka amin'ny saronam-panavotana. [9]Namelatra ireo elany ilay kerobima ary nanaloka ny saronam-panavotana niaraka tamin'ireo. Mifanatrika sy mitodika any afovoan'ny saronam-panavotana ireo kerobima.
[10]Bezalila nanao ny latabatra vita tamin'ny hazo akasia. Roa hakiho sy sasany ny halavany, iray hakiho sy sasany ny sakany, ary iray akiho sy sasany ny hahavony. [11]Nandrakotra izany tamin'ny volamena tsy miharo izy ary nametraka sisim-bolamena tsy miharo nanodidina ny tampony. [12]Nanisy rafitra nanodidina vodivoam-pelatanany iray manontolo izy, niaraka tamin'ny sisim-bolamena nanodidina ilay rafitra. [13]Nanefy mason-drojo volamena efatra ho an'izany izy ary namatotra ireo mason-drojo tamin'ireo zorony efatra, izay nisy ireo tongotra efatra.
[14]Voafatotra tamin'ny ireo zorony efatra ireo mason-drojo, mba hanomezana toerana ho an'ireo bao, mba hilanjana ilay latabatra. [15]Nanao ireo bao tamin'ny hazo akasia izy ary nanarona ireo tamin'ny volamena, mba hilanjana ilay latabatra.
[16]Nanao ireo fanaka izay hapetraka eo ambonin'ny latabatra izy—ireo lovia, sotro, lovia jobo, sy ireo fitoeran-divay mba hampiasaina handrarahana ireo fanatitra. Nataony tamin'ny volamena tsy miharo ireo.
[17]Nataony tamin'ny volamena tsy miharo ilay fitoeran-jiro. Nataony niaraka tamin'ny faladiany sy ny tahony ny fitoeran-jiro. Ny kapoakany, ny kiboriny, ary ny voninkazony dia natao ampahany iray miaraka aminy. [18]Nisy sampana enina nivoaka avy tamin'ireo sisiny—sampana telo nivoaka tamin'ny sisiny iray, ary sampana telo hafa no nivoaka amin'ireo sisiny amin'ny fitoeran-jiro. Ny sampany voalohany dia nanana kapoaka telo vita tahaka ny felan'ny amandia mamelana, miaraka amin'ny kibory iray sy voninkazo iray. [19]Ary kapoaka telo natao toy ny amandia mamelana tamin'ny sampany

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

iray hafa, miaraka amin'ny kibory iray, sy voninkazo iray. Dia toy izany avokoa ho an'ireo sampana enina nivoaka avy amin'ny fitoeran-jiro.
[20]Eo amin'ny fitoeran-jiro, teo amin'ny tahony afovoany, dia nisy kapoaka efatra natao toy ny amandia mamelana, niaraka tamin'ny kiborin'izy ireo sy ireo voninkaz. [21]Nisy kibory iray tao ambanin'ny sampana roa voalohany—izay natao iray aminy, ary kibory iray tao ambanin'ny sampana roa faharoa—natao iray aminy ihany koa izany. Tamin'ny fomba mitovy dia nisy kibory iray tao ambanin'ny sampana roa fahatelo, natao iray aminy. Ary toy izany koa ireo sampana enina nivoaka tao amin'ny fitoeran-jiro. [22]Ny kibory sy ny sampan'izy ireo dia iray aminy, sombin'asam-bolamena tsy miharo iray.
[23]Bezalila nanao ny fitoeran-jiro sy ny jiro fiton'ireo, ny hetin-jiro sy fitoeran-davenona volamena tsy miharon'ireo.
[24]Nanao ny fitoeran-jiro sy ireo fitaovana miaraka tamin'ny talenta volamena iray tsy miharo izy.
[25]Bezalila nanao ny alitaran'ny ditin-kazo manitra. Nanao izany tamin'ny hazo akasia izy. Iray hakiho ny halavany, ary iray hakiho ny velarany. Efa-joro izany, ary roa hakiho ny hahavony. Ny tandrony dia natao toy iray aminy. [26]Nandrakotra ny alitaran'ny ditin-kazo manitra tamin'ny volamena madio izy—ny tampony, ireo sisiny, ary ireo tandrony. Nanao sisim-bolamena nanodidina ho an'izany ihany koa izy.
[27]Nanao mason-drojo volamena roa izy mba hamatorana izany ao ambanin'ny sisiny eo amin'ny sisiny roa mifanandrify aminy. Ireo mason-drojo dia natao hitazona ireo bao mba hilanjana ny alitara. [28]Nataony tamin'ny hazo akasia ireo bao, ary nandrakotra ireo tamin'ny volamena izy. [29]Izy dia nanamboatra ny menaka fanosorana masina sy ny fofona tsy miharon'ny ditin-kazo manitra, izay asan'ny mpanao zava-manitra.

38 [1]Bezalila nanao ny alitara ho an'ny fanatitra dorana tamin'ny hazo akasia. Izany dia dimy hakiho ny halavany ary dimy hakiho ny halalany—efa-joro—ary telo hakiho ny haavony. [2]Ary nanitatra ireo zorony efatra hiendrika toy ny tandrok'omby izy. Ny tandroka dia natambatra iray tamin'ny alitara, ary nandrakotra izany tamin'ny varahina izy. [3]Nanao ny fitaovana rehetra ho an'ny alitara izy—vilany ho an'ny lavenona, angady, kovetabe, sotro rovitra, ary vilany fitondrana afo. Nanao ireo fitaovana rehetra ireo tamin'ny varahina izy.
[4]Nanao makarakara ho an'ny alitara izy, tohi-vakana varahina mba hapetraka ao ambanin'ny rindrina, teo amin'ny fisasahany ka hatrany amin'ny farany ambany. [5]Nandrendrika mason-drojo efatra ho an'ireo zoro efatry ny makarakara varahina izy, ho fihazonana ireo bao.
[6]Nanao bao tamin'ny hazo akasia ary nandrakotra ireo tamin'ny varahina i Bezalila. [7]Nametaka ireo bao tamin'ny mason-drojo teo amin'ireo lafin'ny alitara izy, mba hilanjana izany. Nanao ny alitara poak'aty izy, tamin'ny hazo fisaka.
[8]Nanao koveta varahina lehibe miaraka amin'ny fitoerany varahina i Bezalila. Nanao ny koveta tamin'ny fitaratr'ireo vehivavy izay nanompo teo amin'ny fidirana mankany amin'ny lay fihaonana izy.
[9]Nanao ny kianja ihany koa izy. Ireo fefy lamba teo amin'ny lafiny avaratry ny kianja dia rongony fotsy madinika, zato hakiho ny halavany. [10]Ireo fefy lamba dia nisy tsangatsangany roapolo, ary faladiany varahina roapolo. Nisy farango naraikitra tamin'ireo tsangatsangany, sy teo amin'ny fitohizana volafotsy.
[11]Toy izany koa nanaraka ny lafiny avaratra, dia nisy fefy lamba zato hakiho ny halavany miaraka amin'ny tsangatsangany roapolo, faladiany varahina roapolo, farango naraikitra tamin'ireo tsangatsangany, ary fitohizana volafotsy. [12]Ireo fefy lamban'ny lafiny atsinanana dia dimampolo hakiho ny halavany, miaraka amin'ny tsangatsangany sy faladiany folo. Ireo farango sy fitohizan'ireo tsangatsangany dia volafotsy.
[13]Ny kianja ihany koa dia dimampolo hakiho ny halavany ao amin'ny lafiny atsinanana. [14]Ireo fefy lamba ho an'ny ankilan'ny fidirana dia dimy ambin'ny folo hakiho ny halavany. Misy tsangatsangany telo miaraka amin'ny faladiany telo ireo. [15]Teo amin'ny andanin'ny fidiran'ny kianja ihany koa dia nisy fefy lamba dimampolo hakiho ny halavany, miaraka amin'ny tsangatsangany telo sy faladiany telo. [16]Ireo fefy lamba rehetra manodidina ny kianja dia natao tamin'ny rongony fotsy madinika.
[17]Ny faladian'ireo tsangantsangany dia natao tamin'ny varahina. Ireo farango sy ireo fitohizana ho an'ireo tsangatsangany dia natao tamin'ny volafotsy, ary ny fandrakofana ho an'ireo tendron'ny tsangatsangany ihany koa dia natao tamin'ny volafotsy. Ireo tsangatsangan'ny kianja rehetra dia norakofana tamin'ny volafotsy. [18]Ny lamba teo amin'ny vavahadin'ny kianja dia roapolo hakiho ny halavany. Ny lamba dia natao tamin'ny manga, volomparasy, sy rongony jaky, rongony fotsy madinika voatenona, ary roapolo hakiho ny halavany. Izany dia roapolo hakiho ny halavany ary dimy hakiho ny sakany, tahaka ireo lamban'ny kianja. [19]Nisy faladiany varahina efatra sy farango volafotsy izany. Ny fandrakofana ho an'ireo tendrony sy ny fitohizan'izany dia natao tamin'ny volafotsy. [20]Ny fihantonan'ny lay rehetra ho an'ny tabernakely sy ny kianja dia natao tamin'ny varahina.
[21]Izao no lisitry ny momba ny tabernakely, ny tabernakelin'ny lalàn'ny fanekena, nalaina araka ireo toromarik'i Mosesy izany. Izany dia asan'ireo Levita teo ambany fitarihan'i Itamara zanaka lahin'i Arona mpisorona. [22]Bezalila zanaka lahin'i Ory zanaka lahin'i Hora, avy ao amin'ny fokon'i Joda, dia nanao ny zavatra rehetra izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.
[23]Oholiaba zanaka lahin'i Ahisamaka, avy ao amin'ny fokon'i Dana, dia niasa niaraka tamin'i Bezalila ho mpanao sokitra, ho mpiasa tena mahay, ary ho mpanao tenona amin'ny manga, volomparasy, sy volon'ondry jaky, ary rongony fotsy madinika.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Ny volamena rehetra izay nampiasaina tamin'ny tetik'asa, tamin'ny asa rehetra nifandray tamin'ny toerana masina—ny volamena avy amin'ny fanatitra ahevaheva—dia talenta sivy amby roapolo sy sekely 730, voarefy tamin'ny fenitry ny sekely masina. [25]Ny volafotsy nomen'ny fiangonana dia nilanja talenta zato ary sekely 1. 775, araka ny sekely masina, [26]na beka iray isan'olona, izay antsasaky ny sekely, voarefy tamin'ny sekely masina. Ireo tarehimarika ireo dia nahakasika ny fototry ny olona tsirairay izay voaisa tamin'ny fanisam-bahoaka, ireo roapolo taona no ho miakatra—dia lehilahy 603. 350 ny fitambarany.
[27]Talenta volafotsy zato no narendrika ho an'ireo faladian'ny toerana masina sy ireo faladian'ny lamba: faladiany zato, ary talenta iray isaky ny faladiany tsirairay avy. [28]Tamin'ny ambin'ny sekely volafotsy 1. 775, dia nanao farango ho an'ireo tsangatsangany i Bezalila, nandrakotra ny tendron'ireo tsangatsangany, ary nanao fitohizana ho an'ireo. [29]Ny varahina avy amin'ny fanatitra ahevaheva dia nilanja talenta 70 ary sekely 2. 400.
[30]Tamin'izany no nanaovany ireo faladiany ho an'ny fidirana mankany amin'ny lay fihaonana, ny alitara varahina, ny makarakara varahin'izany, ny fitaovana rehetra ho an'ny alitara, [31]ireo faladiany ho an'ny kianja, ireo faladiany ho an'ny fidiran'ny kianja, ireo fihantonan'ny lay rehetra ho an'ny tabernakely, ary ireo fihantonan'ny lay rehetra ho an'ny kianja.

39 [1]Tamin'ny lamba volon'ondry manga, volomparasy, ary jaky mena, dia nanamboatra akanjo tenona manify ho an'ny fanompoana ao amin'ny toerana masina izy ireo. Nanamboatra akanjo ho an'i Arona izy ireo ho an'ny toerana masina, araka izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.
[2]Bezalila nanamboatra ny efoda tamin'ny volamena, manga, volomparasy, sy volon'ondry jaky, ary tamin'ny rongony fotsy madinika. Notorotoroin'izy ireo ny volamena ary [3]notapatapahin'izy ireo ho kofehy, mba hampiasaina azy ireo amin'ny lamba manga, volom-parasy, volon'ondry jaky, ary rongony fotsy madinika, izay asan'ny mpiasa za-draharaha.
[4]Nanamboatra saron-tsoroka ho an'ny efoda izy ireo, dia nampiarahan'izy ireo teo amin'ireo zorony roa ambony izany.
[5]Ary ireo fehikibo voatenona madinika dia mitovy amin'ny efoda, izany dia vita amin'ny singa iray avy amin'ny efoda, vita avy amin'ny rongony voatenona madinika izay volamena, manga, volom-parasy, ary jaky mena, araka izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.
[6]Namboarin'izy ireo ny vato berila, dia nofonosin'izy ireo tamin'ny randram-bolamena, dia nosoratana toy ny fitombokase, ary nosoratana niaraka tamin'ny anaran'ireo roa ambin'ny folo lahy zanak'Israely izany. [7]Ary dia napetrak'i Bezalila teo amin'ny saron-tsoroky ny efoda ireo. Mba ho vato fampahatsiahivana an'i Yaveh ny amin'ireo zanak'Israely roa ambin'ny folo lahy, araka ny nandidian'i yaveh an'i Mosesy.
[8]Nanao saron-tratra izy, toy ny nanamboarana ny efoda, izay asan'ny mpiasa zaha-draharaha. Dia nataony tamin'ny volamena, manga, volomparasy sy volon'ondry jaky, ary rongony fotsy madinika. [9]Efa-joro izany. Ary naforitr'izy ireo roa ny saron-tratra. Dia iray njehiny ny halavan'izany ary iray njehiny ny velarany.
[10]Nataon'izy ireo tamin'ny andalana efatra ireo vato sarobidy. Ny andalana voalohany dia robia, topazy, ary garnety. [11]Ny andalana faharoa dia nisy emeralda, safira, ary diamondra. [12]Ny andalana fahatelo dia nisy jasinta, agaty, ary ametista.
[13]Ny andalana fahefatra dia nisy berila, oniksa, ary jaspera. Dia nasiana randram-bolamena ireo vato ireo.
[14]Nalamina tamin'ny anaran'ireo zanak'Israely roa ambin'ny folo lahy ireo vato, dia nalahatra araka ny anarana avy izany. Tahaka ny peratra fitomboka ireo, ary ny anarana tsirairay avy dia manambara ny iray amin'ireo foko roa ambin'ny folo. [15]Nanamboatra rojo toy ny kofehy teo amin'ny saron-tratra izy ireo, izay narandrana tamin'ny volamena tsy mifangaro. [16]Nanamboatra mason-drojo volamena roa sy randram-bolamena roa izy ireo, ary napetrak'izy ireo teo amin'ny zoron'ny saron-tratra roa ireo mason-drojo roa.
[17]Napetrak'izy ireo tamin'ilay mason-drojo roa ilay randram-bolamena roa teo an-joron'ireo saron-tratra.[18]Napetak'izy ireo teo amin'ny randram-bolamena ny rojo roa voarandrana. Dia napetak'izy ireo teo amin'ny saron-tsoroky ny efoda avy teo anoloany izany.
[19]Nanamboatra mason-drojo volamena roa izy ireo ary napetany tamin'ny zoron'ny saron-tratra hafa anankiroa izany, teo amin'ny sisiny akaikin'ny zorony anatiny. [20]Nanamboatra mason-drojo volamena roa hafa ihany koa izy ireo ary nataon'izy ireo teo amin'ny amoron'ny saron-tsoroka anankiroa avy teo anoloan'ny efoda izany, teo akaikin'ny zaitra ambonin'ny fehikibo voatenon'ny efoda.
[21]Nafatotr'izy ireo niaraka tamin'ny kofehy manga tamin'ny alalan'ny mason-drojony teo amin'ny mason-drojon'ny efoda ny saron-tratra. Natao izany mba tsy hiongotra amin'ny efoda ny saron-tratra. Araka ny nandidian'i Yaveh an'ny Mosesy.
[22]Namboarin'i Bezalila tamin'ny lamba volomparasy tanteraka ny akanjo efoda, izay asan'ny mpanenona. [23]Ary nisy fitsofoan-doha eo afovoany. Nisy tenona teo amin'ny manodidina ny fisokafany mba tsy hitritra. [24]Nanamboaran'izy ireo apongaben-danitra vita amin'ny kofehy manga, volom-parasy, jaky men, ary rongony fotsy madinika, teo amin'ny moron-tongony.
[25]Nanamboatra lakolosy volamena tsy miharo izy ireo, ary napetrak'izy ireo teo anelanelan'ny apongaben-danitra manodidina ny sisin'ny moron-tongotr'ilay akanjo, mifanelanelana amin'ireo apongaben-danitra— [26]lakolosy dia apongaben-danitra, lakolosy dia apongaben-danitra—teo amin'ny sisin'ny akanjo ho an'i Aarona mba hanompoany ao. Izany dia araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.
[27]Namboarin'izy ireo ho an'i Aarona sy ireo zanany ilay akanjo rongony fotsy madinika. [28]Nanao ny hamama rongony fotsy madinika, ny fehy loha rongony fotsy madinika, ny atin'akanjo rongony fotsy madinika, sy ny satroka vita amin'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

rongony fotsy madinika [29]ary kofehy manga, volomparasy, ary jaky mena, ho asan'ny mpanao peta-kofehy izy ireo. Izany dia araka ny ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.
[30]Dia nanamboatra ny takela-bolamena tsy mifangaron'ny satro-boninahitra masina izy ireo; dia nosoratan'izy ireo tamin'izany toy ny soratra eo amin'ny fitombokase hoe: "Masina ho an'i Yaveh". [31]Dia nopetahan'izy ireo kofehy manga teo amin'ny tampon'ilay hamama. Dia araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy izany.
[32]Koa dia vita ny asa fanaovana tabernakely, ilay trano lay fihaonana. Nataon'ny vahoakan'Israely ny zava-drehetra. Narahin'izy ireo ny torolalana rehetra izay nomen'i Yaveh an'i Mosesy. [33]Nentin'izy ireo tamin'i Mosesy ilay tabernakely—ny lay sy ireo fitaovany rehetra, ny jiangrafiny, ny rafiny, ny barany, ny tsangatsangany, ny faladiany, [34]ny fandrakofana vita amin'ny hoditr'ondry lahy miloko mena, ny fandrakofana vita ami'ny hoditra lambodriaka, ary ny lamba anafenana [35]ny fiaran'ny vavolombelona, ary koa ny bao sy ny saronam-pamonjena.
[36]Nentin'izy ireo ny latabatra, ny fanaka rehetra, sy ny mofon'ny fanatrehana; [37]ny fanaovan-jiro volamena tsy miharo ary ireo jiro tao amin'ny toerany, miaraka amin'ireo fitaovany sy ireo solika fanao amin'ny jiro; [38]ny alitara volamena, ny diloilo fanosorana sy ny ditin-kazo manim-pofona, ny fefy lamban'ny fidirana ao amin'ny tabernakely; [39]ny alitara varahina miaraka amin'ny varahina makarakarany sy ny baony ary ny fanaka sy ny koveta lehibe miaraka amin'ny faladiany.
[40]Nentin'izy ireo ny fefy lamba ho an'ny kianja miaraka amin'ny tsangatsangany sy ny faladiany; ary ny lamba ho an'ny fidirana eo an-kianja; ireo tady sy ny fihantonan'ny lay; ary ny fitaovam-piasana rehetra entina hanompoana ny tabernakely, ny trano lay fihaonana. [41]Nentin'izy ireo ny akanjo voatenona mba hanompoana ao amin'ny toerana masina, ny akanjo masina ho an'i Arona mpisorona, sy ireo zanany lahy, mba hanompoan'izy ireo ho mpisorona.
[42]Noho izany dia nataon'ireo vahoakan'Israely avokoa ny asa rehetra araka izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.
[43]Nandinika ireo asa rehetra i Mosesy, ary indro, vitan'izy ireo izany. Araka izay nandidian'i Yaveh, dia toy izany ny fomba nanaovan'izy ireo izany. Ary dia nitso-drano azy ireo Mosesy.

40 [1]Ary Yaveh niteny tamin'i Mosesy ary hoy izy hoe: [2]"Amin'ny andro voalohan'ny volana voalohan'ny taona vaovao dia tsy maintsy hatsanganao ny tabernakely, ny lay fihaonana.
[3]Apetraho ao amin'izany ny fiaran'ny vavolombelona, ary aoka harovanao amin'ny lamba ny fiara. [4]Ento eo amin'ny latabatra ary alaharo ireo zavatra izay tokony ho amin'izany. Dia ento ny fanaovan-jiro ary apetraho ireo jiro.
[5]Apetraho manoloana ny fiaran'ny vavolombelona ny alitara volamena izay misy ny ditin-kazo manitra, ary apetraho ny lamba eo amin'ny fidiran'ny tabernakely. [6]Apetraho eo anoloan'ny fidirana mankao amin'ny tabernakely, ilay lay fihaonana, ny alitaran'ny fanatitra dorana. [7]Apetraho eo anelanelan'ny lay fihaonana sy ny alitara ny koveta lehibe ary asio rano ao anatiny.
[8]Atsangano manodidina izany ny kianja, ary ahantony eo amin'ny fidiran'ny kianja ny lamba. [9]Ka alaivo ny diloilo fanosorana ary hosory ny tabernakely sy ny zavatra rehetra ao anatiny. Atokano ho Ahy izany sy ny fanaka rehetra, ka dia ho masina izany. [10]Hosory ny alitaran'ny fanatitra dorana sy fanak'izany rehetra. Atokano ho Ahy ny alitara ary tena ho masina ho Ahy izany. [11]Hosory ny kovetabe varahina sy faladian'izany ary atokano ho Ahy.
[12]Ho entinao i Arona sy ireo zanany lahy ho eo amin'ny fidiran'ny lay fihaonana ary sasao amin'ny rano izy ireo. [13]Ho tafinao amin'ireo ankajony izay natokana ho Ahy i Arona, hosory izy ary atokano mba hanompo ho mpisoroko.
[14]Ho entinao ireo zanany lahy ary ampiakanjoy akanjo lava izy ire. [15]Hosory tahaka nanosoranao ny rainy izy ireo mba hanompo Ahy ho mpisorona. Ny fanosorana azy ireo dia hahatonga azy ireo ho fisoronana maharitra hatramin'ireo taranany fara mandimby." [16]Izao no zavatra nataon'i Mosesy; narahiny avokoa izay efa nandidian'i Yaveh azy. Nataony izany zavatra rehetra izany.
[17]Ary dia voatsangana tamin'ny andro voalohany volana voalohany tamin'ny taona faharoa ny tabernakely.
[18]Nananganana ny tabernakely i Mosesy, nametraka ny faladian'izany tamin'ny toerany, nanangana ny rafitr'izany, nampikambana ny barany, ary nanangana ireo andry sy ireo tsagantsangan'izany. [19]Naeliny manerana ny tabernakely ny fandrakofana ary napetrany manerana izany ny lay, araka ny efa nadidian'i Yaveh azy. [20]Nalainy ny didin'ny fanekena ary napetrany tao anatin'ny fiara ireo. Nametraka bao teo amin'ny fiara ihany koa izy, ary dia nametraka ny sarom-panavotana teo amin'izany.
[21]Nanangana lamba ho an'izany izy mba hiaro ny fiaran'ny vavolombelona, araka ny nandidian'i Yaveh azy. [22]Napetrany tao anatin'ilay lay fihaonana ny latabatra, dia teo amin'ny ilany avatr'ilay tabernakely, ivelan'ny lamba. [23]Nalahany teo ambony latabatra teo anoloan'i Yaveh ny mofo, araka ny efa nandidian'i Yaveh azy.
[24]Napetrany tao anaty lay fihaonana ny fanaovan-jiro, tandrifin'ny latabatra, teo amin'ny lafiny atsimon'ny tabernakely.
[25]Nampirehitra ny jiro teo anatrehan'i Yaveh izy, araka ny efa nandidian'i Yaveh azy.
[26]Napetrany tao amin'ny lay fihaonana manoloana ny lamba ny alitara volamena misy ditin-kazo manitra.[27]Nandoro ditin-kazo manitra teo amin'izany izy, araka efa nandidian'i Yaveh azy.
[28]Nahantony teo amin'ny fidirana teo amin'ny tabernakely ny lamba. [29]Napetrany teo amin'ny fidirana ny tabernakely, ilay lay fihaonana, ny alitaran'ny fanatitra dorana. Nanolotra fanatitra dorana sy vary ho fanatitra teo amin'izany izy, araka ny efa nandidian'i Yaveh azy. [30]Napetrany teo anelanelan'ny lay fihaonana sy ny alitara ny kovetabe, ary nasiany rano tao anatin'izany mba hisasana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[31]Mosesy, Arona sy ireo zanany lahy nanasa ny tanany sy ny tongontr'izy ireo tao amin'ny kovetabe [32]na oviana na oviana handehanan'izy ireo ao amin'ilay lay fihaonana, ary na oviana na oviana hiakaran'izy reo eo amin'ny alitara. Nanasa ny tenany izy ireo, araka ny efa nandidian'i Yaveh an'i Mosesy. [33]Nanangana ny kianja nanodidina ny tabernakely sy ny alitara i Mosesy. Nanangana ny lamba teo amin'ny fidiran'ny kianja izy. Izany ny fomba nahavitan'i Mosesy ny asa.
[34]Dia ny rahona nandrakotra ny lay fihaonana, ary ny voninahitr'i Yaveh nanenika ny tabernakely. [35]Tsy afaka nitsofoka tao amin'ilay lay fihaonana i Mosesy satria ny rahona efa nitoetra tao amin'izany, ary satria ny voninahitr'i Yaveh nanenika ny tabernakely.
[36]Na oviana na oviana no niakaran'ny rahona avy ao amin'ny tabernakely, ny vahoakan'Israely dia nianga tamin'ny dian'izy ireo. [37]Fa raha tsy niakatra avy ao amin'ny tabernakely ny rahona, dia tsy nandeha ny vahoaka. Nijanona teo izy ireo hatramin'ny andro izay nisandratan'izany. [38]Fa ny rahon'i Yaveh dia teo ambonin'ny tabernakely ny andro, ary ny afony teo amin'izany nony ny alina, teo imason'ny vahoakan'Israely rehetra nandritra ny dian'izy ireo.

Levitikosy

1 [1]Niantso an'i Mosesy i Yaveh ary niresaka taminy avy tao amin'ny trano-lay fihaonana, nanao hoe: [2]"'Mitenena amin'ny vahoakan'Israely ka lazao amin'izy ireo hoe: 'Raha misy olona aminareo mitondra fanatitra ho an'i Yaveh, dia mitondrà iray amin'ny bibinareo ho fanatitrareo, na avy amin'ny omby na avy amin'ny ondry aman'osy.
[3]Raha fanatitra dorana avy amin'ny omby ny fanatiny, dia tsy maintsy lahy tsy misy kilema no atolony. Hanolotra izany eo amin'ny fidirana mankao amin'ny trano-lay fihaonana izy, mba ho ankasitrahana eo anatrehan'i Yaveh izany. [4]Hametraka ny tanany eo amin'ny lohan'ny fanatitra dorany izy, ary dia ho ankasitrahana noho ny aminy izany mba ho fanavotana ho azy.
[5]Dia aoka izy hamono ny ombilahy eo anoloan'i Yaveh. Ireo zanak'i Arona, ireo mpisorona, dia hanolotra rà ary hamafy izany eo amin'ny alitara izay eo amin'ny fidirana mankao amin'ny lay fihaonana. [6]Dia aoka izy hamolo ny fanatitra dorana ary hitetitetika izany.
[7]Dia handrehitra afo eo amin'ny alitara ary hanisy kitay ka hampirehitra ny afo ireo zanak'i Arona. [8]Ireo zanak'i Arona, ireo mpisorona, dia hametraka ireo tetika, ny lohany sy ny saborany, hitandahatra eo ambonin'ny kitay izay efa mirehitra eo ambonin'ny alitara. [9]Fa ny taovany sy ny feny dia tsy maintsy ho sasany amin'ny rano. Dia handoro ny zavatra rehetra eo amin'ny alitara ho fanatitra dorana ny mpisorona. Hiteraka hanitra malefaka ho Ahy izany; ho fanatitra natao tamin'ny afo ho Ahy izany.
[10]Raha avy amin'ny ondry aman'osy ny fanatiny ho amin'ny fanatitra dorana, dia ny iray amin'ireo ondry na iray amin'ireo osy, dia tsy maintsy lahy tsy misy kilema no atolony. [11]Aoka hamono izany eo amin'ny lafy avaratry ny alitara eo anatrehan'i Yaveh izy. Ireo zanak'i Arona, ireo mpisorona, dia hamafy ny ràn'izany amin'ny lafin'ny alitara rehetra.
[12]Dia aoka izy hitetika izany, miaraka amin'ny lohany sy ny saborany, ary ny mpisorona dia handahatra ireo eo amin'ny kitay efa mirehitra, izay eo ambonin'ny alitara, [13]nefa aoka ho sasàny amin'ny rano ny taovany sy ny feny. Dia hanolotra azy manontolo ny mpisorona, ary handoro izany eo amin'ny alitara. Izany no fanatitra dorana, ary hiteraka hanitra malefaka ho an'i Yaveh izany; ho fanatitra natao tamin'ny afo ho Azy izany.
[14]Raha fanatitra dorana vorona ny fanatiny ho an'i Yaveh, dia tsy maintsy mitondra na domoina na zana-boromailala ho fanatiny izy. [15]Tsy maintsy mitondra izany eo amin'ny alitara ny mpisorona, manolana ny lohany, ary mandoro izany eo amin'ny alitara. Ary dia araraka eo amin'ny alitara ny ràn'izany.
[16]Tsy maintsy ho esoriny ny takorobabon'izany sy ny zavatra ao anatiny, ary hariany akaikin'ny alitara eo atsinanana izany, eo amin'ny toeran'ireo lavenona. [17]Tsy maintsy hanokatra izany avy eo amin'ny elany izy, nefa tsy azo zarainy ho roa izany. Dia handoro izany eo amin'ny alitara ny mpisorona, eo amin'ny kitay efa mirehitra. Ho fanatitra dorana izany, ary hiteraka hanitra malefaka ho an'i Yaveh izany; ho fanatitra natao tamin'ny afo ho Azy izany.

2 [1]Raha misy mitondra fanatitra voa ho an'i Yaveh, dia aoka ho koba tsara toto ny fanatiny, ary handraraka diloilo eo amin'izany sy hametraka ditin-kazo manitra eo amin'izany izy. [2]Hitondra ny fanatitra eo amin'ireo mpisorona zanak'i Arona izy, dia haka koba tsara toto eran'ny tanana miaraka amin'ny diloilo sy ditin-kazo manitra eo amin'izany ny mpisorona. Dia handoro ny fanatitra eo amin'ny alitara ho fanati-pahatsiarovana ny mpisorona. Hamoka hanitra malefaka ho an'i Yaveh izany; ho fanatitra natao tamin'ny afo ho Azy. [3]Izay rehetra tavela amin'ireo fanatitra hohanina dia ho an'i Arona sy ireo zanany lahy. Masina tokoa avy amin'ireo fanatitra ho an'i Yaveh natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh izany.
[4]Raha manolotra fanatitra voa tsy misy lalivay izay nandrahoina tamin'ny lafaoro ianao, dia aoka ho mofo malemy vita tamin'ny koba tsara toto miharo diloilo izany, na mofo mafy tsy misy lalivay, izay voahosotra diloilo. [5]Raha nandrahoina tamin'ny lasitra vy fisaka ny fanatitra voa, dia aoka ho avy amin'ny koba tsara toto tsy misy lalivay izay miharo diloilo izany.
[6]Hozarainao izany ary handrarahanao diloilo eo aminy. Izany no fanatitra dorana. [7]Raha nandrahoina tamin'ny lasitra ny fanatitra voa anao, dia aoka atao amin'ny koba tsara toto sy diloilo izany.
[8]Aoka hitondra fanatitra voa natao tamin'ireo zavatra ireo ho an'i Yaveh ianao, ary izany dia hatolotra eo amin'ny mpisorona, izay hitondra izany eo amin'ny alitara. [9]Avy eo dia haka sasany amin'ny fanatitra voa ho fanati-

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

pahatsiarovana ny mpisorona, ary handoro izany eo amin'ny alitara izy. Ho fanatitra natao tamin'ny afo izany, ary hahatonga hanitra ankasitrahana ho an'i Yaveh. [10]Izay ambin'ny fanatitra hohanina dia ho an'i Arona sy ireo zanany lahy. Masina dia masina avy amin'ny fanatitra atao amin'ny afo ho an'i Yaveh izany.
[11]Tsy hisy fanatitra voa ho atolotrao ho an'i Yaveh ka hisy lalivay, satria tsy tokony handoro masirasira, na tantely, ho fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh ianao. [12]Hanolotra ireo ho fanatitra voaloham-bokatra ho an'i Yaveh ianao, saingy tsy hampiasaina hamoahana hanitra malefaka eo amin'ny alitara ireo. [13]Aoka hanome tsiro ny tsirairay amin'ny fanatitra voa amin'ny sira ianao. Aoka tsy ho adinonao mihitsy amin'ny fanatitra voa ny siran'ny faneken'Andriamanitrao. Manolora sira amin'ireo fanatitrao rehetra.
[14]Raha manolotra fanatitra voa amin'ny voaloham-bokatra ho an'i Yaveh ianao, dia manolora voa vaovao izay natono tamin'ny afo sy nopotehina ho sakafo avy eo. [15]Dia aoka hanisy diloilo sy ditin-kazo manitra ao amin'izany ianao. Izany no fanatitra voa. [16]Ary handoro ny ampahan'ny voa voatoto sy diloilo ary ditin-kazo manitra ho fanati-pahatsiarovana ny mpisorona. Izany no fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.

3 [1]Raha misy olona manolotra sorona, izay fanati-pihavanana amin'ny iray amin'ireo biby avy amin'ny andian'omby, na lahy na vavy, dia aoka izy hanome biby tsy misy kilema eo anoloanan'i Yaveh. [2]Hametraka ny tanany eo an-dohan'ny fanatiny izy ary hamono izany eo ambaravaran'ny lay fihaonana. Ary ireo zanaka lahin'i Arona mpisorona hamafy ny ràn'izany amin'ireo lafin'ny alitara.
[3]Hanolotra soron'ny fanati-pihavanana amin'ny afo ho an'i Yaveh ilay lehilahy. Ny sabora izay mandrakotra na mifandray amin'ny taovany, [4]sy ireo voa roa sy ny sabora izay eo amin'izy ireo amin'ny alalan'ny valahiny, ary ny ilan'ny atiny, miaraka amin'ny voany—dia ho esoriny izany rehetra izany. [5]Ireo zanaka lahin'i Arona dia handoro izany eo ambonin'ny alitara miaraka amin'ny fanatitra dorana, izay ambonin'ny kitay efa mirehitra. Hamoaka hanitra malefaka ho an'i Yaveh izany; ho fanatitra dorana natao ho Azy amin'ny alalan'ny afo izany.
[6]Raha toa ka avy amin'ny ondry aman'osy no soron'ny fanati-pihavanan'ilay lehilahy ho an'i Yaveh; na lahy na vavy, dia tsy maintsy manolotra sorona tsy misy kilema izy. [7]Raha manolotra zanak'ondry ho ataony sorona izy, dia tsy maintsy atolony eo anoloan'i Yaveh izany. [8]Hametraka ny tanany eo an-dohan'ny sorony sy hamono izany eo anoloan'ny lay fihaonana izy. Ary hamafy ny ràny amin'ny sisin'ny alitara ireo zanaka lahin'i Arona.
[9]Hanolotra ny soron'ny fanati-pihavanana ho fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh ilay lehilahy. Ny sabora, ny rambo matavy manontolo dia hotapahina manakaiky ny taolan-damosina, ary ny sabora izay mandrakotra ireo taovany sy ireo sabora rehetra izay manakaiky ireo taovany, [10]ary ireo voa roa sy ny sabora izay ao anatin'ireo, izay ao anatin'ny valahiny, ary ny ila-atiny, miaraka amin'ireo voa—dia ho esoriny izany rehetra izany. [11]Dia handoro izany rehetra izany eo amin'ny alitara ho fanatitra dorana hohanina ho an'i Yaveh ny mpisorona.
[12]Raha toa ka osilahy no fanatitr'ilay lehilahy, dia hanolotra izany eo anoloan'i Yaveh izy. [13]Aoka izy hametraka ny tanany eo an-dohan'ny osilahy ary hamono izany manoloana ny lay fihaonana. Dia hamafy ny ràn'izany amin'ny lafin'ny alitara ireo zanaka lahin'i Arona. [14]Hanolotra ny sorony natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh ilay lehilahy. Hanaisotra ny sabora izay mandrakotra ireo faritra anaty izy, ary ny sabora rehetra manakaiky ireo faritra anaty.
[15]Hanaisotra ny voa roa sy ireo sabora izay miaraka amin'ireo izy, izay akaikin'ny valahina, ary ny ila-atiny miaraka amin'ny voa. [16]Handoro izany rehetra izany eo ambony alitara ho fanatitra hohanina natao tamin'ny afo ny mpisorona, mba hamoaka hanitra malefaka. An'i Yaveh ny sabora rehetra. [17]Ho lalàna mandrakizay eo amin'ny taranakareo fara mandimby amin'izay toerana rehetra honenanareo izany, dia aoka tsy hihinana sabora na rà ianareo.'"

4 [1]Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: [2]"'Lazao ny vahoakan'Israely hoe: 'Raha misy olona manota nefa tsy naniry ny hanota, nanao ireo zavatra izay nandidian'i Yaveh mba tsy ho atao, ary raha manao zavatra izay voarara izy, dia tsy maintsy atao ireto manaraka ireto. [3]Raha toa ka ny mpisoronabe no manota ka mitondra fanamelohana eo amin'ny vahoaka, dia aoka izy hanolotra vantotr'omby lahy tsy misy kilema ho an'i Yaveh ho fanatitra nohon'ny ota.
[4]Aoka izy hitondra omby lahy eo amin'ny fidiran'ny trano ao amin'ny lay fihaonana eo anatrehan'i Yaveh, hametraka ny tanany eo amin'ny lohany, ary hamono ilay ombilahy eo anatrehan'i Yaveh. [5]Ilay mpisorona voahosotra dia haka sombiny amin'ny ràn'ilay ombilahy ary hitondra izany ho ao amin'ny lay fihaonana.
[6]Hanatsoboka ny tanany ao amin'ilay rà ilay mpisorona ka hamafy im-pito avy izany eo anatrehan'i Yaveh, eo anoloan'ny lamban'ny fitoerana masina indrindra. [7]Avy eo ilay mpisorona dia haka amin'ilay rà ho eo amin'ireo tandrok'ilay alitaran'ny dinti-kazo manitra eo anatrehan'i Yaveh, izay ao amin'ny lay fihaonana, ary handraraka ny sisa rehetra ambon'ny ràn'ilay ombilahy any amin'ny fanambanin'ilay alitara izy ho fanatitra dorana, izay eo amin'ny fidiran'ny lay fihaonana.
[8]Hanala ny sabora rehetra amin'ilay omby atao fanatitra nohon'ny ota izy; ilay sabora izay mandrakotra ny faritra anatiny, ny sabora rehetra izay miraikitra amin'ny faritra anaty, [9]ireo voany roa sy ny sabora izay eo amin'ireo, izay akaikin'ny valahina, ary ny ila-atiny, miaraka amin'ireo voa—hanala izany rehetra izany Izy. [10]Ho esoriny daholo izany rehetra izany, tahaka ny nanesorany izany tamin'ilay omby natao soron'ny fanati-pihavanana. Avy eo ilay mpisorona dia handoro ireo ampahany ireo eo amin'ny alitara ho fanatitra dorana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Ny hoditr'ilay omby sy izay hena tavela, miaraka amin'ny lohany sy ireo tongony ary ireo tao anatiny sy ny zeziny, [12]ny ambin'ny vatan'ilay omby rehetra—ho entiny ivelan'ny toby avokoa ireo ampahany ireo ho any amin'ilay toerana izay efa nodiovin'izy ireo ho Ahy, izay nandrarahan'izy ireo lavenona; handoro ireo ampahany ireo eo ambonin'ny kitay izy ireo. Aoka ireo ampahany ireo ho doran'izy ireo eo amin'ilay nandrarahan'izy ireo ireo lavenona.
[13]Raha manota tsy nahy ny fiangonan'Israely rehetra, ary tsy mahafantatra ny fiangonana fa nanota izy ireo ary nanao izay nandraran'i Yaveh tsy ho atao, ary raha meloka izy ireo, [14]dia rehefa fantatra ny ota nataon'izy ireo, dia aoka ny fiangonana hanolotra vantotr'omby ho fanatitra nohon'ny ota ary hitondra izany eo anoloan'ny trano lay fihaonana.
[15]Ireo loholon'ny fiangonana dia hametraka ny tanan'izy ireo eo amin'ny lohan'ilay omby anoloan'i Yaveh, ary ho vonoina eo anoloan'i Yaveh ilay omby lahy.
[16]Ny mpisorona voahosotra dia hitondra sombiny amin'ilay ràn'ilay omby ho any amin'ny trano lay fihaonana, [17]ary hanatsoboka ny tanany ao amin'ilay rà ary hamafy izany im-pito eo anoloan'i Yaveh, eo anoloan'ilay lamba.
[18]Hanosotra sombiny amin'ilay rà eo amin'ireo tandroky ny alitara izay eo anoloan'i Yaveh izy, izay ao amin'ny trano lay fihaonana, ary handraraka ilay rà rehetra eo amin'ny fanambanin'ny alitara ho fanatitra dorana, izay eo amin'ny fidiran'ny trano lay fihaonana. [19]Hanala ny sabora rehetra eo amin'izany izy ary handoro izany eo amin'ny alitara.
[20]Izany no aoka ataony amin'ilay omby. Tahaka ny efa nataony tamin'ilay omby natao fanatitra nohon'ny ota, no ho ataony amin'io omby io, ary ilay mpisorona dia hanao fanavotana ho an'ny vahoaka, ka ho voavela izy ireo. [21]Ho entiny ivelan'ny toby ilay omby ary handoro izany tahaka ny nandorany ilay omby voalohany izy. Izany no fanatitra nohon'ny ota ho an'ny fiangonana.
[22]Rehefa manota tsy nahy ny mpanapaka, amin'ny fanaovana ny iray amin'ireo zavatra rehetra izay nandidian'i Yaveh mba tsy atao, ka meloka izy, [23]dia hampahafantarina azy ny ota izay nataony, aoka izy hitondra osy, osilahy tsy misy kilema ho sorony.
[24]Hametraka ny tanany eo amin'ny lohan'ilay osy izy ary hamono izany eo amin'ny toerana izay namonoan'izy ireo ny fanatitra dorana eo anoloan'i Yaveh. Fanatitra nohon'ny ota izany. [25]Ny mpisorona dia haka ilay ràn'ilay fanatitra nohon'ny ota amin'ny tanany ary hametraka izany eo amin'ireo tandroky ny alitara ho fanatitra dorona, ary handraraka ny ràn'izany eo amin'ny fanambanin'ny alitaran'ny fanatitra dorana izy.
[26]Ho dorany eo amin'ny alitara ny sabora rehetra, tahaka ilay sabora tamin'ny soron'ny fanati-pihavanana. Ny mpisorona dia hanao fanavotana ho an'ny mpanapaka mahakasika ny otany, ary dia ho voavela ilay mpanapaka.
[27]Raha misy iray amin'ireo sarambabem-bahoaka manota tsy nahy, amin'ny fanaovana ireo zavatra nandidian'i Yaveh azy ireo tsy ho atao, ary rehefa fantany ny helony, [28]dia ho ampahafantarina azy ny ota izay nataony, ary hitondra osy iray, osivavy tsy misy kilema ho sorony izy, ho an'ny ota izay nataony.
[29]Hametraka ny tanany eo amin'ny lohan'ilay fanatitra nohon'ny ota izy ary hamono ilay fanatitra nohon'ny ota eo amin'ny toeran'ny fanatitra dorana. [30]Ny mpisorona dia handray sombiny amin'ilay rà amin'ny tanany ary hametraka izany eo amin'ny tandroky ny alitara ho fanatitra dorana. Handraraka ny ambin'ilay rà rehetra eo amin'ny fanambanin'ny alitara izy.
[31]Hanala ny sabora rehetra izy, tahaka ny nanesorana ny sabora tamin'ny soron'ny fanati-pihavanana. Ho doran'ny mpisorona eo amin'ny alitara izany mba hamoaka fofona manitra ho an'i Yaveh. Hanao fanavotana ho an'ilay olona ilay mpisorona, ary ho voavela izy.
[32]Raha mitondra zanak'ondry ho ataony sorona ho fanatitra nohon'ny ota ilay lehilahy, dia hitondra ondry vavy tsy misy kilema izy. [33]Hametraka ny tanany eo amin'ny lohan'ilay fanatitra nohon'ny ota izy ary hamono izany ho fanatitra nohon'ny ota eo amin'ny toerana izay hamonoan'izy ireo ny fanatitra dorana.
[34]Ny mpisorona dia haka ny sombiny amin'ilay ràn'ny fanatitra nohon'ny ota amin'ny ratsan--tanany ary hametraka izany eo amin'ireo tandroky ny alitara ho fanatitra dorana, ary ho ararany eo amin'ny fanambanin'ny alitara avokoa ny ràn'izany. [35]Hanala ny sabora rehetra izy, tahaka ny nanesorana ny saboran'ilay zanak'ondry tamin'ny soron'ny fanati-pihavanana, ary ho doran'ny mpisorona eo amin'ny alitara eo ambonin'ny fanatitr'i Yaveh natao tamin'ny afo izany. Hanao fanavotana ho azy ny mpisorona nohon'ny ota izay nataony, ary ho voavela ilay lehilahy.

5 [1]Raha misy olona iray manota satria tsy nijoro izy tamin'ny zavatra izay nilàna ny fijoroany valovolombelona, na efa nahita izany izy na nahare momban'izany, dia ho tompon'andraikitra izy. [2]Na raha misy olona mikasika izay zavatra efa voatokan'Andriamanitra ho maloto, na ny fatin'ny bibidia maloto izany na ny fatin'ny biby fiompy izay efa maty, na biby mandady, na dia tsy nihevitra ny hikasika izany aza ilay olona, dia maloto sy meloka izy.
[3]Na raha mikasika ny fahalotoan'ny olona iray, na inona na inona izany fahalotoana izany, ary raha tsy mahafantatra izany izy, dia ho meloka izy rehefa mahalala ny momba izany. [4]Na raha misy olona mianiana mafy amin'ny molony hanao ratsy, na hanao ny tsara, na inona na inona ianianan'izany lehilahy izany mafy amin'ny fianianana, na dia tsy mahafantatra izany aza izy, rehefa mahalala ny momba izany izy, dia ho meloka, amin'ireo rehetra ireo.
[5]Raha meloka amin'izany rehetra izany ny olona iray, dia tsy maintsy miaiky izay heloka rehetra nataony izy. [6]Dia aoka izy hitondra fanatitra noho ny heloka amin'i Yaveh nohon'ny fahotana izay efa vitany, biby vavy iray avy amin'ny ondry aman'osiny, na zanak'ondry na osy, ho an'ny fanatitra nohon'ny ota, ary ny mpisorona dia hanao fanavotana ho azy mahakasika ny fahotany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Raha toa tsy mahavita mividy zanak'ondry izy, dia mahazo mitondra domoina roa na voromailala vantony roa ho an'i Yaveh izy ho fanatitra nohon'ny heloka nohon'ny fahotany, iray ho an'ny fanatitra nohon'ny ota ary iray hafa ho fanatitra dorana. [8]Aoka izy hitondra ireo any amin'ny mpisorona, izay hanolotra iray aloha ho an'ny fanatitra nohon'ny ota—hanolana ny lohan'izany izy nefa tsy hanala izany tanteraka amin'ny vatana. [9]Avy eo dia hamafy ampahany amin'ilay ràn'ny fanatitra nohon'ny ota eo amin'ny ilan'ny alitara izy, ary handraraka ny sisan'ny rà eo amin'ny fanambanin'ny alitara izy. Izany no fanatitra noho ny ota.
[10]Manarak'izany dia aoka izy hanolotra ny vorona faharoa ho fanatitra dorana, araka ny voafaritra tao amin'ireo torolalana, ary hanao fanavotana ho azy noho ny ota izay efa vitany ny mpisorona, ka dia ho voavela ny helok'ilay olona.
[11]Kanefa raha toa tsy mahatakatra domoina roa na voromailala roa izy, ho sorona noho ny fahotany dia aoka izy hitondra ampahafolon'efaha amin'ny koba tsara toto ho an'ny fanatitra noho ny ota. Aoka izy tsy hanisy diloilo na ditin-kazo manitra amin'izany, satria fanatitra noho ny ota izany.
[12]Aoka izy hitondra izany any amin'ny mpisorona, ary haka iray tanana amin'izany ny mpisorona ho fanati-pahatsiarovana ary avy eo handoro izany eo amin'ny alitara, eo an-tampon'ireo fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. Izany no fanatitra nohon'ny ota. [13]Hanao fanonerana ho an'izay fahotana vitan'ny olona ny mpisorona, ary dia ho voavela izany olona izany. Ireo sisa avy amin'ny fanatitra dia ho an'ny mpisorona, tahaka ny amin'ny fanatitra voa.'"
[14]Dia niteny tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: [15]"'Raha misy olona mandika didy sy manota ireo zavatra izay an'i Yaveh, saingy nanao izany tsy nahy, dia aoka izy hitondra ny fanatiny nohon'ny heloka ho an'i Yaveh. Izany fanatitra izany dia tsy maintsy ondry lahy tsy misy kilema avy amin'ireo ondry aman'osy; ny lanjan'izany dia aoka ho tombanana amin'ny sekely volafotsy—ny sekelin'ny fitoerana masina—ho fanatitra nohon'ny heloka. [16]Aoka izy hanao izay mahafapo an'i Yaveh noho izay ratsy efa vitany mifandray amin'ny masina, ary aoka izy hanampy iray ampahadimy amin'izany ary hanome izany ho an'ny mpisorona. Dia hanao fanonerana ho azy amin'ny ondrilahin'ny fanatitra noho ny heloka ny mpisorona, ka dia ho voavela izany olona izany.
[17]Raha misy olona manota sy manao izay zavatra efa nodidian'i Yaveh tsy ho atao, na dia tsy nahafantatra izany aza izy, dia mbola meloka izy ka tsy maintsy hilanja ny helony ihany. [18]Aoka izy hitondra ondry lahy iray tsy misy kilema avy amin'ireo ondry aman'osy, izay mendrika ny tombam-bidiny, ho fanatitra nohon'ny heloka ho an'ny mpisorona. Avy eo dia hanao fanonerana ho azy mahakasika ny fahotana izay efa vitany ny mpisorona, amin'izay tsy nahafantarany, ka dia ho voavela izy. [19]Izany no fanatitra nohon'ny heloka, ary dia meloka tokoa izy eo anatrehan'i Yaveh."

6 [1]Niteny tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: [2]"'Raha misy olona manota ary mandika ny lalàna manohitra an'i Yaveh, toy ny hoe mifampiraharaha ambadika miaraka amin'ny namany mahakasika ny zavatra izay nankinina taminy, raha mamitaka izy na mandroba azy, na nampahory ny namany, [3]na nahita zavatra izay noverezin'ny namany ka mandainga ny amin'izany, ary mianiana amin'ny lainga, na ny amin'ireo zavatra tahaka ny hanotan'ny olona, [4]dia, raha manota izy ka meloka, dia tsy maintsy hamerina izay rehetra nalainy tamin'ny alalan'ny fandrobana na fampahoriana na naka izay nankinina taminy na zavatra very ka hita indray.
[5]Na nandainga ny amin'ny zava-drehetra izy, dia tsy maintsy hamerina manontolo izany ary tsy maintsy hanampy iray am-pahadimy honerana amin'izay tompon'izany, amin'ny andro izay naha meloka azy. [6]Dia tsy maintsy hitondra ny fanati-panonerany ho an'i Yaveh izy: ondry lahy tsy misy kilema avy amin'ny ondry aman'osy izay mendrika ny tombam-bidiny, ho fanati-panonerana ho an'ny mpisorona. [7]Hanao fanavotana ho azy eo anoloan'i Yaveh ny mpisorona, ary ho voavela amin'izay rehetra nahatonga azy ho meloka amin'ny ny nataony izy."
[8]Dia niteny tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: [9]"'Didio i Arona sy ireo zanany, lazao hoe: 'Izao no lalàn'ny fanatitra dorana: Tsy maintsy eo ambony fatan'ny alitara mandritra ny alina manontolo mandra-paraina ny fanatitra dorana, ary ny afon'ny alitara dia havela hirehitra hatrany.
[10]Hanao ny akanjo rongony fotsiny ny mpisorona, ary hanao ny atin'akanjo rongony fotsiny ihany koa izy. Haka ireo lavenona izay tavela taorian'ny nandevenan'ny afo ny fanatitra dorana eo ambony alitara izy, ary hametraka ireo lavenona eo akaikin'ny alitara. [11]Hanala ireo fitafiny izy ary hampiditra ireo akanjony hafa mba hitondrana ireo lavenona hivoaka ny toby ho any amin'ny toerana izay madio.
[12]Ny afo eo amin'ny alitara dia havela hirehitra hatrany. Aoka tsy hivoaka izany, ary ireo mpisorona dia handoro hazo eo ambonin'izany isa-maraina. Handamina ny fanatitra dorana araka izay takiana amin'izany izy, ary handoro ny saboran'ny fanati-pihavanana izy. [13]Avela hirehitra eo ambony alitara mandrakariva ny afo. Aoka tsy hivoaka izany.
[14]Izao no lalàn'ny fanatitra voa. Hanolotra izany eo anoloan'i Yaveh manoloana ny alitara ireo zanaka lahin'i Arona.
[15]Haka koba tsara toto eraky ny tanana amin'ny fanatitra voa sy amin'ny diloilo ary ditin-kazo manitra izay eo ambonin'ny fanatitra voa ny mpisorona, ary handoro izany eo ambony alitara mba hamoaka fofona manitra tahaka ny fanati-pahatsiarovana izany.
[16]Hihinana izay sisa amin'ny fanatitra i Arona sy ireo zanany lahy. Tsy maintsy hohanina tsy misy lalivay ao amin'ny fitoerana masina izany. Hihinana ao amin'ny kianjan'ny trano-lay fihaonana izy ireo. [17]Aoka tsy handrahoina miaraka amin'ny lalivay izany. Nomeko ho anjaran'izy ireo amin'ny fanatitro natao tamin'ny afo izany. Masina indrindra izany, tahaka ny fanatitra nohon'ny ota ary fanati-panonerana izany. [18]Fa mandritra ireo fotoana rehetra hatongavan'ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

taranakao fara mandimby, ireo taranaka lahy sasany avy amin'i Arona dia aoka hihinana izany tahaka ny fizaràny, nalaina avy tamin'ireo fanatitr'i Yaveh natao tamin'ny afo. Na iza na iza mikasika izany dia ho tonga masina."'
[19]Ka niteny tamin'i Mosesy indray i Yaveh, nanao hoe: [20]"Izao no fanatitr'i Arona sy ireo zanany lahy, izay homen'izy ireo an'i Yaveh amin'ny andro izay hanosorana ireo zanaka lahy rehetra: ny ampahafolon'ny efaha iray amin'ny koba tsara toto ho fanatitra voa fanao mahazatra, antsasany amin'izany amin'ny maraina ary ny antsasany amin'izany amin'ny hariva.
[21]Ho vita amin'ny menaka anaty lasitra mofo izany. Rehefa vonto menaka izany, dia ho entinao miditra. Voaendy no hanoloranao ny fanatitra voa mba hamoaka hanitra malefaka ho an'i Yaveh. [22]Ny zanaka lahin'ny mpisoronabe izay tonga ho mpisoronabe vaovao amin'ireo zananilahy no hanolotra izany. Araka ny efa nandidiana hatrizay, dia hodorana ho an'i Yaveh avokoa izany. [23]Ny fanatitra voan'ny mpisorona dia ho dorana manontolo. Aoka tsy ho hoanina izany."
[24]Niteny tamin'i Mosesy indray i Yaveh, nanao hoe: [25]"Mitenena amin'i Arona sy ireo zanany lahy, manao hoe: "Izao no lalàn'ny fanatitra noho ny fahotana: Ny fanatitra nohon'ny fahotana dia tsy maintsy vonoina eo amin'ny toerana izay namonoana ny fanatitra dorana eo anoloan'i Yaveh. Izany no masina indrindra. [26]Ny mpisorona izay hanolotra izany ho an'ny fahotana dia hihinana izany. Tsy maintsy hohanina any amin'ny fitoerana masina ao amin'ny kianjan'ny tranolay fihaonana izany.
[27]Na iza na iza mikasika ny henan'izany dia ho tonga masina, ary raha misy rà mifafy amin'ny akanjo, dia tsy maintsy sasana any amin'ny toerana masina ny faritra izay nipitihany. [28]Fa ny vilany tanimanga izay nampangotrahana izany dia hovakiana. Raha nampangotrahana tanaty vilany varahina izany, dia aoka hokosehina sy hosasana madio amin'ny rano izany.
[29]Ny lehilahy sasany amin'ireo mpisorona dia mahazo mihinana amin'izany satria masina indrindra izany. [30]Fa raha misy fanatitra nohon'ny fahotana ka entina ao amin'ny trano-lay fihaonana mba hanaovana fanonerana ny ràny dia aoka tsy hohanina. Aoka hodorana izany.

7 [1]Izao no lalàna amin'ny fanatitra nohon'ny heloka. Izany no masina indrindra. [2]Aoka izy ireo hamono ny fanatitra nohon'ny heloka eo amin'ny toerana famonoana izany, ary aoka izy ireo hanaparitaka ny rà isaky ny lafin'ny alitara.
[3]Ny sabora rehetra eo amin'izany dia ho atolotra: ny rambo matavy, ny sabora izay manodidina ny ao anatiny, [4]ny voa roa sy ny sabora eo amin'izany, izay manakaiky ny valahany, ary izay mandrakotra ny aty, miaraka amin'ireo voa—dia aoka ho esorina avokoa izany rehetra izany.
[5]Aoka handoro ireo faritra ireo eo amin'ny alitara ny mpisorona mba ho fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. Izany no fanatitra nohon'ny heloka. [6]Ny lehilahy tsirairay eo amin'ny mpisorona dia aoka hihinana ny ampahany amin'io fanatitra io. Aoka hohanina eo amin'ny fitoerana masina izany satria masina indrindra.
[7]Tahaka ny fanatitra nohon'ny heloka ny fanatitra nohon'ny ota. Mitovy ny lalàna mihatra amin'izy ireo. Ireo dia an'ny mpisorona izay manao fanonerana amin'izy ireo. [8]Ny mpisorona izay manolotra fanatitra doran'ny olona dia tokony hanana ny hoditr'izany sorona izany ho azy.
[9]Ny fanatitra voa rehetra izay nandrahoina tao anaty lafaoro, sy ny fanatitra toy izany rehetra izay nendasina tamin'ny lasitra fanendasana na nandrahoina tamin'ny lasitra fandrahoana dia ho an'ny mpisorona izay nanolotra izany. [10]Ny fanatitra voa rehetra, na maina na nafangaro tamin'ny menaka, dia ho an'ny taranak'i Arona rehetra ihany koa.
[11]Izao no lalàna amin'ny soron'ny fanati-pihavanana izay ho hatolotry ny olona ho an'i Yaveh. [12]Raha misy manatitra izany mba ho fanomezam-pisaorana, dia aoka izy hanolotra izany miaraka amin'ny soron'ny mofo tsy misy lalivay saingy nafangaro tamin'ny menaka, ny mofo tsy misy lalivay, saingy mihosotra menaka, ary ny mofo natao tamin'ny koba tsara toto izay nolaroina tamin'ny menaka.
[13]Ao anatin'ny tanjon'ny fanomezam-pisaorana ihany koa, dia aoka izy hanolotra ampempa-mofo nasiana lalivay miaraka amin'ny fanati-pihavanany. [14]Aoka izy hanolotra karazany iray avy amin'ireo sorona ireo ho fanatitra haseho eo amin'i Yaveh. Ho an'ny mpisorona izay nanaparitaka ny ràn'ny fanati-pihavanana teo amin'ny alitara izany.
[15]Aoka ilay olona izay maneho ny fanati-pihavanana mba ho fanomezam-pisaorana hihinana ny henan'ny fanatiny amin'ny andron'ny sorona. Aoka tsy hamela sisa amin'izany mandra-paharainan'ny andro izy. [16]Fa raha ho amin'ny voady ny soron'ny fanatiny, na ho amin'ny fanatitra an-tsitrapo, dia aoka hohanina amin'ny andro izay hanaterany ny sorony ny hena, fa na inona na inona mety ho sisa amin'izany dia azo hanina ny ampitson'iny.
[17]Na izany aza, na inona na inona henan'ny sorona tavela amin'ny andro fahatelo dia aoka ho dorana. [18]Raha misy henan'ny sorona amin'izay fanati-pihavanana nohanina amin'ny andro fahatelo, dia tsy ho ekena izany, na ho tanan'izay nanolotra izany. Ho zavatra maharikoriko izany, ary ny olona izay mihinana izany dia hitondra ny heloky ny otany.
[19]Izay hena mikasika zavatra maloto dia aoka tsy hohanina. Aoka ho dorana izany. Ny amin'ny sisan'ny hena, dia azon'ireo olona madio hoanina izany. [20]Na izany aza anefa, izay olona maloto mihinana hena avy amin'ny soron'ny fanati-pihanavanana izay an'i Yaveh— dia aoka izany olona izany ho esorina eo amin'ny vahoakany.
[21]Raha misy olona mikasika zavatra maloto—na fahalotoan'olona, na biby maloto, na zavatra maloto sy maharikoriko hafa, ary raha mihinana tamin'ilay soron'ny fanati-pihavanana izay an'i Yaveh izy avy eo, dia aoka izany olona izany ho esorina eo amin'ny vahoakany.'"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Ary niteny tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: [23]"'Miresaha amin'ny vahoakan'Israely ary lazao hoe: 'Aoka ianareo tsy
hihinana ny saboran'ny omby na ondry na osy. [24]Ny saboran'ny biby izay maty tsy tamin-tsorona, na ny saboran'ny biby
noviravirain'ny bibidia, dia azo ampiasaina amin'ny zavatra hafa, fa aoka ianareo tsy hihinana izany mihitsy.
[25]Na iza na iza olona mihinana ny saboran'ny biby izay mety ataon'ny olona ho sorona natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh,
dia aoka ho esorina amin'ny vahoakany izany olona izany. [26]Aoka ianareo tsy hihinana rà na avy amin'inona na avy
amin'ny inona ao an-tranonareo, na avy amin'ny vorona izany na biby. [27]Na iza na iza mihinana rà, dia aoka ho esorina eo
amin'ny vahoakany izany olona izany.'"
[28]Koa niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh ary niteny hoe: [29]"'Miresaha amin'ny vahoakan'Israely ary lazao hoe: 'Aoka hitondra
anjara sorona ho an'i Yaveh izay manatitra ny fanatitry ny sorom-pihavanana ho an'i Yaveh. [30]Ny fanatitra ho an'i Yaveh
izay hatao amin'ny afo, dia aoka ny tanany ihany no hitondra izany. Aoka izy hitondra ny sabora miaraka amin'ny tratra,
ka aoka hahevaheva ho fanatitra ahevaheva eo anoloan'i Yaveh izany.
[31]Aoka ny mpisorona handoro ny sabora eo amin'ny alitara, fa ny tratrany dia an'i Arona sy ireo taranany. [32]Aoka
homenareo ny mpisorona ny feny havanana ho fanatitra aseho ao amin'ny soron'ny fanati-pihavananareo.
[33]Ny mpisorona, iray amin'ireo taranak'i Arona, izay manolotra ny ràn'ny fanati-pihavanana sy ny sabora—dia hahazo ny
feny havanana izy ho toy ny anjarany amin'ny fanatitra. [34]Fa efa noraisiko tamin'ny vahoakan'Israely, ny tratran'ny
fanatitra ahevaheva, sy ny feny izay fandraisana anjara, ary ireo dia nomena an'i Arona mpisorona sy ireo zanany lahy
ho anjara mahazatra ho azy ireo.
[35]Izany no anjara ho an'i Arona sy ny taranany avy amin'ny fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, tamin'ny andro
izay nanoloran'i Mosesy azy ireo mba hanompo an'i Yaveh amin'ny asa maha mpisorona. [36]Izany no anjara izay
nandidian'i Yaveh homena azy ireo avy amin'ny vahoakan'Israely, tamin'ny andro nanosorany ny mpisorona. Izany
hatrany no ho anjaran'izy ireo hatramin'ny taranaka fara-mandimby.
[37]Izany no lalàna amin'ny fanatitra dorana, amin'ny fanatitra voa, amin'ny fanatitra nohon'ny ota, amin'ny fanatitra
nohon'ny heloka, ny fanati-panokanana, sy ny soron'ny fanati-pihavanana,[38]izay efa nanomezan'i Yaveh didy an'i Mosesy
teo an-tendrombohitra Sinay tamin'ny andro izay nandidiany ny vahoakan'Israely mba hanolotra ny soron'izy ireo ho
an'i Yaveh tany an-tany efitr'i Sinay.'"

8 [1]Yaveh niteny tamin'i Mosesy, nanao hoe: [2]"Alaivo i Arona sy ireo zanany lahy miaraka aminy, ireo fitafiana sy ny
diloilo fanosorana, ny omby lahy ho an'ny fanatitra nohon'ny ota, ny ondry lahy roa, ary ny harona fitoeran-mofo tsy
misy masirasira. [3]Avondrony eo amin'ny fidiran'ny trano-lay fihaonana ny fiangonana rehetra."
[4]Ka dia nanao araka izay nandidian'i Yaveh azy i mosesy, ary tonga niangona teo amin'ny fidirana mankany amin'ny
tranolay fihaonana ny fiangonana. [5]Avy eo niteny tamin'ny fiangonana i Mosesy hoe: "Izao no nandidian'i Yaveh ho
tanterahina."
[6]Nentin'i Mosesy i Arona sy ireo zanany lahy ary nosasainy tamin'ny rano izy ireo. [7]Nampanaoviny an'i Arona ny akanjo
lava ary nafatony teo amin'ny andilany ny hetra, nampitafiany tohitena izy ary nasiany efoda teny aminy, ary dia
nafatony teo aminy ny efoda niaraka tamin'ny lamba voatenona madinika ka nofatorana teny aminy izany.
[8]Napetrany teo aminy ny saro-tratra, ary tao anatin'ilay saro-tratra no nasiany ny Orima sy ny Tomima. [9]Nametraka ny
hamama teo amin'ny lohany izy, ary tao anatin'ny hamama, teo anoloana, no nanasiany ny takela-bolamena, sy ny
diadema masina, araka ny nandidian'i Yaveh azy.
[10]Nandray ilay diloilo fanosorana i Mosesy, ka nanosotra ny tabernakely sy izay rehetra tao aminy ary nanokana ireny ho
an'i Yaveh. [11]Namafy ny diloilo teo amin'ny alitara impito izy, ary nanosotra ny alitara sy ireo fanaka rehetra tao anatiny,
ary ny tavy sy ny faladiany, mba hanokanana ireo ho an'i Yaveh.
[12]Nandraraka ny sasany tamin'ny diloilo fanosorana tamin'ny lohan'i Arona izy ka nanosotra azy mba hanokanana azy.
[13]Nentin'i Mosesy ireo zanaka lahin'i Arona ary nampitafiany akanjo lava izy ireo. Namatotra hetra tamin'ny andilan'izy
ireo izy ary namono lamba rongony fotsy teny an-dohan'izy ireo, araka ny nandidian'i Yaveh azy.
[14]Nitondra ny omby lahy ho amin'ny fanatitra nohon'ny ota i Mosesy, ary Arona sy ireo zanany lahy dia nametraka ny
tanan'izy ireo teo amin'ny lohan'ilay ombilahy izay avy nentin'izy ireo ho amin'ny fanatitra nohon'ny ota. [15]Novonoiny
izany, ary naka ny rà sy nametaka izany tanmoin'ny tandroky ny alitara tamin'ny fanondrony izy, nanadio ny alitara,
nandraraka ny rà teo amin'ny fanambanin'ny alitara, ka nanokana izany ho an'Andriamanitra mba hanaovany
fanonerana ho amin'izany.
[16]Naka ny sabora rehetra izay tao anatiny izy, ny saron'aty, sy ireo voa anankiroa ary ny saborany, ary nandoro ireo teo
amin'ny alitara i Mosesy. [17]Fa ilay omby lahy, ny hodiny, ny henany, sy ny tain-drorohany kosa dia nodorany ivelan'ny
toby, araka ny nandidian'i Yaveh azy.
[18]Nanolotra ny ondrilahy ho amin'ny fanatitra dorana i Mosesy, ary Arona sy ireo zanany lahy dia nametraka ny tanany
teo amin'ny lohan'ilay ondry lahy. [19]Novonoiny izany ka nafafy manodidina ny lafin'ny alitara rehetra ny ràny.
[20]Notetehiny ilay ondry lahy ary nodorana ny lohany sy ireo silany ary ny saborany. [21]Nosasainy tamin'ny rano ny atiny sy
ny tongony, ary nodoro ny ondry lahy manontolo teo amin'ny alitara izy. Izany no fanatitra dorana ary namoaka hanitra
mamerovero izany, fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Avy eo dia nanolotra ondry lahy iray hafa i Mosesy, ny ondry lahin'ny fanamasinana, ary Arona sy ireo zanany lahy dia nametraka ny tanany tamin'ny lohan'ilay ondrilahy. [23]Novonoin'i Arona izany, ary naka tamin'ilay ràny i Mosesy ka nametraka izany tamin'ny tendron'ny ravintsofin'i Arona ankavanana, teo amin'ny ankihiben-tanany ankavanana, sy teo amin'ny ankihibe-tongony ankavanana. [24]Nentiny ireo zanaka lahin'i Arona, ary nametraka sasany tamin'ilay rà teo amin'ny tendron'ny ravintsofin'izy ireo havanana, teo amin'ny ankihibe-tanan'izy ireo ankavanana, sy teo amin'ny ankihibe-tongotr'izy ireo ankavanana izy. Avy eo Mosesy namafy ny ràn'izany manodidina ny lafin'ny alitara rehetra.
[25]Nalainy ny sabora, ny rambo matavy, ny sabora rehetra izay tao anatiny, ny saron'aty, ny voa anankiroa sy ny saborany, ary ny feny havanana. [26]Avy tamin'ny harona fitoera-mofo tsy misy lalivay izay teo anatrehan'i Yaveh, no nakany mofo tsy misy lalivay iray, ary mofo voaisy diloilo, sy mofo manify, ary nametraka ireo teo amin'ny sabora sy teo amin'ny fe havanana. [27]Napetrany teny an-tanan'i Arona sy ny tanan'ireo zanany lahy avokoa ireo ary nahevahevany teo anatrehan'i Yaveh ireo mba ho fanatitra ahevaheva.
[28]Dia naka ireo teny an-tanan'izy ireo i Mosesy ka nandoro ireo teo amin'ny alitara ho amin'ny fanatitra dorana. Ireo dia fanatitra fanamasinana ary namoaka hanitra mamerovero. Izany no fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.
[29]Nandray ny tratra sy nanevaheva izany ho fanatitra ahevaheva ho an'i Yaveh i Mosesy. Izany no fizaran'i Mosesy ny ondry lahy ho an'ny fanokanana ireo mpisorona, araka ny nandidian'i Yaveh azy.
[30]Naka tamin'ilay diloilo fanosorana sy ny rà izay teo amin'ny alitara i Mosesy; namafy ireo tamin'i Arona, tamin'ny akanjony, tamin'ireo zanany lahy, sy tamin'ny akanjon'ireo zanany lahy izy. Tahaka izany no nanokanany an'i Arona sy ny akanjony, ary ireo zanany lahy sy ny akanjon'izy ireo ho an'i Yaveh.
[31]Ka dia niteny tamin'i Arona sy ireo zanany lahy i Mosesy hoe: "Ampangotrahy eo amin'ny fidirana mankany amin'ny trano-lay fihaonana ny hena, ary hano izany sy ny mofo izay ao anatin'ny haron'ny fanamasinana, araka ny nandidiako, nanao hoe: 'Hihinana izany i Arona sy ireo zanany lahy.' [32]Izay rehetra sisa amin'ny hena sy ny mofo dia aoka hodoranao.
[33]Aza mivoaka avy eo amin'ny fidiran'ny tranolay fihaonana ao anatin'ny hafitoana ianareo, mandra-pahatanteraka ireo andron'ny fanokanana anareo. Fa Yaveh no hanamasina anareo ao anatin'ny hafitoana.
[34]Izay efa natao androany— dia nodidian'i Yaveh ho vita mba hanaovana fanonerana ho anareo. [35]Hitoetra andro aman'alina ao amin'ny fidiran'ny tranolay fihaonana mandritra ny hafitoana ianareo, ary hitandrina ny didin'i Yaveh, mba tsy ho faty ianareo, satria izany no efa nandidiana ahy." [36]Ka dia nanao ireo zavatra rehetra izay nandidian'i Yaveh azy ireo tamin'ny alalan'i Mosesy i Arona sy ireo zanany lahy.

9 [1]Tamin'ny andro fahavalo dia nantsoin'i Mosesy i Arona sy ireo zanany lahy ary ireo loholon'Israely. [2]Niteny tamin'i Arona izy hoe: "Makà zanak'omby avy amin'ny andian'omby ho fanatitra nohon'ny fahotana, ary zanak'ondry tsy misy kilema ho fanatitra dorana, ary hatolory eo anoloan'i Yaveh ireo.
[3]Aoka ianao hiteny amin'ny vahoakan'Israely ka hanao hoe: 'Mangalà osy lahy ho fanatitra nohon'ny ota ary zanak'omby sy zanak'ondry, samy herintaona ary tsy misy kilema, ho an'ny fanatitra dorana; [4]mangalà ihany koa omby sy ondry lahy ho an'ny fanati-pihavanana mba ho soronaeo anoloan'i Yaveh, ary fanatitra voa mifangaro amin'ny diloilo, satria hiseho aminao anio i Yaveh.'" [5]Koa nitondra ireo rehetra izay nandidian'i Mosesy ho ao amin'ny trano-lay fihaonana izy ireo, ary nanatona ireo fiangonan'Israely rehetra ary nitsangana teo anoloan'i Yaveh.
[6]Dia niteny i Mosesy hoe: "Izao no nandidin'i Yaveh anareo mba hatao, mba hahafahan'ny voninahiny miseho aminareo."
[7]Niteny tamin'i Arona i Mosesy hoe: "Mankanesa eo akaikin'ny alitara ary atolory ny fanatitra nohon'ny otanao sy ny fanatitra doranao, ary manaova fanonerana ho an'ny tenanao sy ho an'ny vahoaka, ary atolory ho an'ny vahoaka mba hanaovana fanonerana ho azy ireo ny sorona, araka izay nandidin'i Yaveh."
[8]Ka nandeha nanakaiky ny alitara i Arona ary namono ny zanak'omby ho fanatitra nohon'ny ota, izay ho an'ny tenany.
[9]Nasehon'ireo zanaka lahin'i Arona taminy ilay rà, ary nandromboka ny rantsan-tanany tanatin'izany izy ary nametraka izany eo ambonin'ny tandroky ny alitara; avy eo dia nanisy ny rà teo amin'ny fanambanin'ny alitara izy.
[10]Na izany aza, nandoro ny sabora, ireo voa, ary ireo sarak'aty teo ambony alitara ho fanatitra nohon'ny ota araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy izy. [11]Ny hena sy ny hoditra dia nodorany teo ivelan'ny toby.
[12]Novonoin'i Arona ilay fanatitra dorana, ary nomen'ny zanany lahy azy ny ràny, izay nahosony teny amin'ny lafin'ny alitara rehetra. [13]Dia nomen'izy ireo azy isaky ny ampahany ny fanatitra dorana, miaraka amin'ilay lohany, ary nandoro izany teo ambony alitara izy. [14]Nanasa ireo tao anatiny sy ireo tongony izy ary nodorany teo ambonin'ny fanatitra dorana teo amin'ny alitara ireo.
[15]Nanolotra ny soron'ny vahoaka i Arona—osy lahy iray, ary naka izany ho sorona nohon'ny otan'izy ireo ary namono izany; nanao sorona izany nohon'ny ota izy, araka izay nataony tamin'ilay osy lahy voalohany. [16]Nampiseho ny fanatitra dorana sy nanome izany araka izay nandidian'i Yaveh izy. [17]Nampiseho ny fanatitra voa izy; nameno ny tanany tamin'izany izy ary nandoro izany teo ambony alitara, miaraka amin'ny fanatitra dorana maraina.
[18]Novonoiny ihany koa ny omby sy ny osy lahy, sorona ho an'ny fanati-pihavanana, izay ho an'ny olona. Nomen'ny zanaka lahin'i Arona azy ny ràny, izay nafafy teny amin'ny lafin'ny alitara rehetra. [19]Na izany aza, nesorin'izy ireo ny saboran'ilay omby sy ny osy lahy, ny sabora izay mandrakotra ny tao anatiny, ireo voa, ary ny sarak'aty.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Naka ny zara izay voarasa izy ireo ary nametraka izany teo ambonin'ny tratrany, ary dia nandoro ny sabora teo ambonin'ny alitara i Arona. [21]Ary Arona nanevaheva ireo tratra sy ny feny havanana ho fanatitra ahevaheva teo anoloan'i Yaveh, araka ny efa nandidian'i Mosesy.
[22]Dia nanandratra ny tanany teo amin'ny vahoaka i Arona ary nitso-drano azy ireo; dia nidina avy amin'ny fanaterana ny fanatitra noho ny ota izy, ny fanatitra dorana, ary ny fanati-pihavanana. [23]Niditra tao amin'ny trano-lay fihaonana i Mosesy sy Arona, avy eo dia nivoaka indray izy ireo ka nitso-drano ny vahoaka, ary niseho tamin'ny olona rehetra ny voninahitr'i Yaveh. [24]Nisy afo nivoaka avy any amin'i Yaveh ka nandevona ny fanatitra dorana sy ny sabora teo ambony alitara. Rehefa nahita izany ny olona rehetra, dia nihiaka izy ireo ary nampiohoka ny tavany.

10 [1]Nadaba sy Abiho, zanaka lahin'i Arona, dia samy naka ny fitondran'afony, nanisy afo teo amin'izany, ary avy eo ditin-kazo manitra. Avy eo izy ireo nanolotra afo tsy nekena teo anatrehan'i Yaveh, izay tsy nandidiany azy ireo mba ho atolotra. [2]Koa nisy afo nivoaka avy teo anatrehan'i Yaveh ary nandevona azy ireo, ary maty teo anoloan'i Yaveh izy ireo.
[3]Avy eo Mosesy niteny tamin'i Arona hoe: "Izao no noresahan'i Yaveh rehefa niteny Izy hoe: 'Hanambara ny fahamasinako amin'ireo izay tonga manakaiky Ahy Aho. Homem-boninahitra eo anatrehan'ny vahoaka rehetra Aho.'" Tsy niteny na inona na inona i Arona. [4]Niantso an'i Misaela sy Elzafana, zanaka lahin'i Oziela rahalahin-drain'i Arona i Mosesy, ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Mankanesa ety ary ento eny ivelan'ny toby tsy ho eo anatrehan'ny tabernakely ireo rahalahinareo."
[5]Koa nanatona akaiky izy ireo ary nitondra azy ireo mbola nanao ny akanjo lava maha-mpisorona azy ireo teny ivelan'ny toby, araka ny efa nolazain'i Mosesy. [6]Avy eo i Mosesy dia niteny tamin'i Arona sy Eleazara ary Itamara, ireo zanany lahy hoe: "Aza avela hisaritaka ny volo eo an-dohanareo, ary aza rovitina ny akanjonareo, mba tsy ho faty ianareo, ary mba tsy ho tezitra amin'ny fiangonana rehetra Yaveh. Fa avelao ireo havanareo, ny taranak'Israely rehetra, mba hisaona an'ireo izay nodoran'ny afon'i Yaveh. [7]Aoka tsy handeha ivelan'ny fidirana ao amin'ny lay fihaonana ianareo, raha tsy izany dia ho faty ianareo, satria aminareo ny diloilo fanosoran'i Yaveh." Koa nanao araka ny tenin'i Mosesy izy ireo.
[8]Niresaka tamin'i Arona i Yaveh, nanao hoe: [9]"Aza misotro divay na zava-pisotro mahery, ianao, na ireo zanakao lahy izay sisa miaraka aminao, rehefa mankany amin'ny lay fihaonana, mba tsy ho faty ianareo. Ho lalàna maharitra ho an'ireo taranaky ny vahoakanao izany, [10]mba hanavahana ny masina sy ny tsy masina, ary ny maloto sy ny madio, [11]ka mba hampianatra ny vahoakan'Israely ireo lalàna rehetra izay nandidin'i Yaveh tamin'ny alalan'i Mosesy ianao."
[12]Niresaka tamin'i Arona sy Eleazara ary Itamara, zanany lahy sisa tavela i Mosesy hoe: "Alaivo ny fanatitra hohanina izay tavela avy tamin'ireo fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, ary hano miaraka amin'ny lalivay eo ankilan'ny alitara izany, satria masina indrindra izany. [13]Aoka ianareo hihinana izany ao amin'ny toerana masina, satria anjaranao sy anjaran'ireo zanakao lahy tamin'ireo fanatitra vita tamin'ny afo ho an'i Yaveh izany, fa izany no nandidiana ahy ho lazaina aminao.
[14]Ny tratrany izay mihevaheva sy ny feny izay aseho an'i Yaveh, dia aoka ho haninareo eny amin'ny toerana madio eken'Andriamanitra. Ianao sy ireo zanako lahy ary ireo zanako vavy dia tokony mihinana ireo anjara ireo, fa efa nomena ho anjaranao sy anjaran'ireo zanakao lahy avy amin'ny soron'ny fanati-pihavanan'ny vahoakan'Israely ireo. [15]Ny feny izay aseho sy ny tratrany izay mihevaheva, dia tsy maintsy entin'izy ireo miaraka amin'ny sabora natao tamin'ny afo, mba hahevaheva eo anatrehan'i Yaveh. Ho anao sy ireo zanakao lahy miaraka aminao toy ny anjara mandrakizay ireo, araka ny nandidin'i Yaveh."
[16]Avy eo Mosesy nanontany momba ilay osy natao fanatitra nohon'ny ota, ary nahita fa may izany. Koa tezitra tamin'i Eleazara sy Itamara, zanaka lahin'i Arona sisa tavela izy; hoy izy hoe: [17]"Nahoana ianareo no tsy nihinana ilay fanatitra nohon'ny ota teo amin'ny faritry ny tabernakely, fa izany no masina indrindra, ary efa nomen'i Yaveh anareo mba hanesorana ny heloky ny fivondronana izany, mba ho fanonerana ho azy ireo teo anatrehany? [18]Indro, ny ràny dia tsy nentina tao anatin'ny tabernakely, izay tokony nohaninareo tao amin'ny faritry ny tabernakely, araka ny nandidiko."
[19]Avy eo Arona namaly an'i Mosesy hoe: "Indro, androany no nanaovan'izy ireo ny fanatitra nohon'ny otany sy ny fanatitra dorany teo anatrehan'i Yaveh, ary izany zavatra izany dia nitranga tamiko androany. Raha nihinana ilay fanatitra nohon'ny ota aho androany, moa ve nankasitrahina teo imason'i Yaveh izany?" [20]Rehefa ren'i Mosesy izany, dia afapo izy.

11 [1]Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh, nanao hoe: [2]"Mitenena amin'ny vahoakan'Israely, manao hoe: 'Ireto avy ireo zava-manan'aina izay azonareo hanina eo amin'ireo biby rehetra izay eto ambonin'ny tany.
[3]Afaka mihinana ny biby rehetra izay mivaky kitro sy mamerin'ota ianareo. [4]Na izany aza, na mamerin'ota na mivaky kitro aza ireo biby sasany, dia aoka ianareo tsy hihinana azy ireo, dia ireo biby tahaka ny rameva, satria mamerin'ota izy fa tsy mivaky kitro. Noho izany dia maloto ho anareo ny rameva.
[5]Ny hyraka ihany koa, satria mamerin'ota izy fa tsy mivaky kitro, maloto ho anareo ihany koa izany. [6]Ny bitro, dia maloto ho anareo, satria mamerin'ota izy, fa tsy mivaky kitro. [7]Ny kisoa, na dia mivaky kitro aza, dia tsy mamerin'ota izy, ka maloto ho anareo. [8]Aoka ianareo tsy hihinana amin'ny henan'ireo, na hikasika ny fatin'izy ireo. Maloto ho anareo ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Ireo biby rehetra miaina anaty rano izay azonareo hanina dia ireo izay manana vombony sy kirany, na ao amin'ny ranomasina na any amin'ny renirano. [10]Fa ireo zava-manan'aina rehetra izay tsy misy vombony sy kirany ao anaty ranomasina na renirano dia tsy azonareo hanina, ao anatin'izany ireo rehetra izay mihetsika ao anaty rano sy ireo zava-manan'aina rehetra izay ao anaty rano—aoka ho halanareo ireny.
[11]Fa aoka ho hankahalaina ireny, aoka ianareo tsy hihinana ny henan'ireny; ary ny fatin'izy ireny ihany koa dia aoka ho hankahalaina. [12]Izay rehetra tsy misy vombony sy kirany ao anaty rano dia aoka ho halanareo.
[13]Ireto avy ireo vorona izay tsy maintsy hankahalainareo sy tsy tokony ho haninareo: dia ny voromahery, ny voltora, [14]ny papango, ny karazana ankoay rehetra, [15]ny karazana goaika rehetra, [16]ny vorondolo sy ny vorondolo maneno, ny voron-drano, ary ny karazana ankoay rehetra.
[17]Aoka ianareo hankahala ny vorondolo kely sy ny vorondolo lehibe, ny manarana ihany koa, [18]ny vorondolo fotsy sy ny vorondolo sompitra, ny ibisa, [19]ny vano, ny karazana vanobe rehetra, ny takidara, ary ny ramanavy ihany koa.
[20]Ireo bibikely manan'elatra rehetra izay mandeha amin'ny tongotra efatra dia fahavetavetana ho anareo. [21]Afaka mihinana ireo bibikely manidina rehetra izay mandeha amin'ny tongotra efatra ianareo raha manan-tongotra ambonin'ny faladiany hitsambikinany eo amin'ny tany ihany izy ireo. [22]Afaka mihinana ireo karazana valala be, solama, ny valala kely, na ny ampanga rehetra ihany koa ianareo. [23]Fa ireo bibikely manidina rehetra izay manana tongotra efatra dia tsy maintsy hankahalainareo.
[24]Raha mikasika ny fatin'ny iray amin'ireo ianareo dia haloton'ireo biby ireo mandra-paharivan'ny andro. [25]Na iza na iza mitsimpona ny iray amin'ny fatin'ireo dia tsy maintsy manasa ny fitafian'izy ary mijanona maloto mandra-paharivan'ny andro.
[26]Ny biby rehetra mivaky kitro izay tsy mizara tanteraka na tsy mamerin'ota dia maloto ho anareo. Izay rehetra mikasika azy ireny dia haloto. [27]Izay rehetra mandeha amin'ny tongony amin'ireo biby rehetra izay mandeha amin'ny tongotra efatra, dia maloto ho anareo. Na iza na iza mikasika ny fatiny dia haloto mandra-paharivan'ny andro. [28]Na iza na iza mitsimpona ny fatiny dia tsy maintsy manasa ny fitafian'izy ireo ary maloto mandra-paharivan'ny andro. Ireo biby ireo dia haloto ho anare.
[29]Raha ny amin'ireo biby izay mandady amin'ny tany dia ireto avy ireo biby izay haloto ho anareo: ny kionkiona, ny voalavo, ny karazana androngo lehibe rehetra, [30]ny katsatsaka, ny anakà, ny androngo, ny androngom-pasika, ary ny tanalahy.
[31]Amin'ireo biby mandady rehetra, dia ireo no biby izay haloto ho anareo. Na iza na iza mikasika azy ireo rehefa maty ireo dia haloto mandra-paharivan'ny andro. [32]Raha maty ny sasany amin'ireo ka milatsaka amin'ny zavatra, dia haloto izany zavatra izany, na vita tamin'ny hazo, na lamba, na hoditra, na lamba fisaonana izany. Na inona na inona izany ary na inona na inona ampiasana azy, dia tsy maintsy haroboka anaty rano; haloto izany mandra-paharivan'ny andro. Ary hadio avy eo. [33]Ny vilany tanimanga rehetra izay hilatsahan'ny biby maloto ao anatiny na eo aminy, na inona na inona ao anatin'ilay vilany dia haloto, ary tsy maintsy potehinareo izany vilany izany.
[34]Ny sakafo rehetra izay madio sy azo ho hanina, kanefa nilatsahan'ny rano avy tao amin'ny vilany maloto iray, dia haloto. Izay rehetra mety ho nosotroina tamin'ny vilany tahaka izany dia haloto. [35]Izay rehetra nilatsahan'ny ampahany tamin'ny fatin'ny biby maloto dia haloto, na lafaoro izany na vilany fandrahoana. Tsy maintsy potehina izany. Maloto izany ka tsy tokony haloto ho anareo.
[36]Ny loharano na famorian-drano izay hanangonana ny rano fisotro dia hadio ihany raha misy biby toy izany milatsaka ao anatiny. Fa raha misy olona mikasika ny fatin'ny biby maloto iray ao amin'ny rano, dia haloto izy. [37]Raha misy ampahany amin'ny fatin'ny biby maloto milatsaka eo ambonin'ny voa famboly, dia hadio ihany ireo voa ireo. [38]Fa raha tondrahana rano ireo voa, ary raha misy ampahany amin'ireo faty maloto milatsaka eo amin'ireo, dia haloto ho anareo ireo.
[39]Raha misy biby izay azonareo ho hanina maty, dia haloto mandra-paharivan'ny andro ilay nikasika ny fatiny. [40]Na iza na iza mihinana amin'io faty io dia tsy maintsy manasa ireo fitafiany ary haloto mandra-paharivan'ny andro. Izay rehetra mitsimpona ny faty tahaka izany dia hanasa ireo fitafiany ary haloto mandra-paharivan'ny andro.
[41]Ny biby rehetra izay mandady amin'ny tany dia hankahalaina; aoka tsy hohanina izany. [42]Izay rehetra mandady amin'ny kibony, ary izay rehetra mandeha amin'ny tongotra efatra, na izay rehetra manana tongotra maro—ireo biby rehetra izay mikisaka amin'ny tany, ireo no tsy azonareo hohanina, satria hankahalaina ireo.
[43]Aoka ianareo tsy handoto ny tenanareo amin'ireo zava-manan'aina mandady rehetra; aoka tsy handoto ny tenanareo amin'ireny ianareo, fa haloto amin'ireny ianareo. [44]Fa Izaho no Yaveh Andriamanitrareo. Tokony ho tazominareo ho masina ny tenanareo, noho izany, masìna, satria masina Aho. Aoka tsy handoto ny tenanareo amin'ny karazam-biby rehetra izay mandady amin'ny tany ianareo. [45]Fa Izaho no Yaveh, izay nitondra anareo niala avy tao amin'ny tany Egypta, mba ho Andriamanitrareo. Noho izany aoka ianareo ho masina, satria Izaho dia masina.
[46]Izany no lalàna momba ireo biby, ireo vorona, ireo zava-manan'aina rehetra izay mihetsika ao anaty rano, ary ireo biby rehetra izay mikisaka amin'ny tany, [47]satria tokony hisy fanavahana eo amin'ny maloto sy ny madio, ary eo amin'ireo zava-manan'aina izay azo hohanina sy ireo zava-manan'aina izay tsy azo hohanina."'

12

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: [2]"Miresaha amin'ny vahoakan'Israely, manao hoe: 'Raha misy vehivavy manan'anaka ka miteraka zazalahy, dia haloto mandritry ny fito andro izy, tahaka ny fahalotoany mandritra ireo andro fadimbolany.
[3]Amin'ny andro faha-valo dia aoka hoforaina ny lohatsitsin'ny zazalahy.
[4]Avy eo ny fanadiovana ilay reny avy amin'ny ràny dia hitohy mandritra ny telo amby telopolo andro. Tsy tokony hikasika zavatra masina izy na hiditra ao amin'ny faritry ny tabernakely mandra-pahatapitry ny andro fandiovana azy. [5]Fa raha teraka zazavavy izy, dia haloto mandritry ny roa herinandro, toy ny mandritra ny fadimbolany. Dia hitohy mandritra ny enina amby enimpolo andro ny fanadiovana ilay reny.
[6]Rehefa tapitra ny andro fandiovana azy, na ho an'ny zanaka lahy na zanaka vavy, dia tsy maintsy mitondra ondry herintaona iray ho fanatitra dorana izy, ary zana-boromailala roa na domoina mba ho fanatitra nohon'ny ota, ho eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihaonana, ho eo amin'ny mpisorona.
[7]Avy eo izy dia hanolotra izany eo anatrehan'i Yaveh ary hanao fanonerana ho azy, dia ho voadio amin'ny fikorinan'ny ràny izy. Izany no lalàna amin'ny vehivavy izay miteraka na zazalahy na zazavavy. [8]Raha tsy afaka manolotra ondry izy, dia tsy maintsy maka voromailala roa na zana-boromailala roa, ny iray ho fanatitra dorana ary ny iray hafa ho fanatitra nohon'ny ota, ary hanao fanonerana ho azy ny mpisorona; dia hadio izy avy eo.'"

13 [1]Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh, nanao hoe: [2]"Rehefa misy mamontsina na manako-pery na mifaritra mangirana amin'ny hoditry ny vatany, ka lasa mamindra izany ary misy aretin-koditra ny vatany, dia tsy maintsy entina any amin'ny Arona mpisoronabe izy, na amin'iray amin'ireo zanany lahy mpisorona.
[3]Avy eo ilay mpisorona dia hizaha ny aretina eo amin'ny hoditrin'ny vatany. Raha nivadika fotsy ny volo eo amin'ny faritr'ilay aretina, ary raha hita fa lalina kokoa noho ny eo amin'ny hoditra fotsiny ilay aretina, dia lasa areti-mifindra izany. Ary aorian'ny fizahan'ny mpisorona azy, dia tsy maintsy manambara azy ho maloto izy. [4]Raha fotsifotsy ny mifaritra mangirana amin'ny hodiny, ary ny endrin'izany dia tsy lalina kokoa noho ny amin'ny hoditra, ary raha tsy mivadika fotsy ny volo amin'ny faritry ny aretina, dia tsy maintsy atokan'ilay mpisorona monina mandritra ny hafitoana ilay iray misy aretin.
[5]Amin'ny andro fahafito, dia tsy maintsy mizaha azy ilay mpisorona mba hijery raha tsy miha-ratsy ilay aretina raha ny heviny, ary raha tsy miparitaka amin'ny hoditra izany. Raha tsy misy izany, dia tsy maintsy mampitoka-monina azy mandritra ny hafitoana na mihoatra ilay mpisorona. [6]Hizaha azy indray ilay mpisorona amin'ny andro fahafito mba hijery raha miha-tsara ilay aretina ary tsy miparitaka manerana ny hoditra. Raha tsy misy izany, dia hilaza azy ho madio ilay mpisorona. Manako-pery izany. Tsy maintsy manasa ny fitafiany izy, ary dia hadio izy.
[7]Fa raha miparitaka amin'ny hoditra indray izany fery izany taorian'ny nampisehoany ny tenany tamin'ny mpisorona ny amin'ny fahadiovany. [8]dia tsy maintsy haneho ny tenany eo amin'ilay mpisorona indray izy avy eo. Hizaha azy ilay mpisorona mba hijery raha niparitaka manerana ny hoditra ilay fery. Raha niparitaka izany, dia tsy maintsy manambara azy ho maloto ilay mpisorona. Areti-mifindra izany.
[9]Raha misy areti-koditra mifindra amin'ny olona, dia tsy maintsy entina any amin'ny mpisorona izy. [10]Hizaha azy ny mpisorona mba hizahana raha misy mamontsina fotsy amin'ilay hoditra, raha mivadika fotsy ny volo, na raha misy nofo mangana amin'ny mamontsina. [11]Raha misy, dia areti-koditra mitaiza izany, ary tsy maintsy manambara azy ho maloto ny mpisorona. Tsy hanokana monina azy izy, satria efa maloto izy.
[12]Raha miparitaka be amin'ny hoditra ilay aretina ary mandrakotra ny hoditr'ilay olona rehetra ilay aretina hatrany amin'ny tampon-dohany ka hatrany amin'ny tongony, raha vao hitan'ny mpisorona izany, [13]dia tsy maintsy hizaha azy ilay mpisorona mba hijery raha mandrakotra ny vatany rehetra ilay aretina. Raha misy izany, dia tsy maintsy manambara an'ilay olona misy aretina ho madio ny mpisorona. Raha nivadika fotsy avokoa izany, dia madio izy. [14]Fa raha misy nofo mangana miseho eo aminy, dia haloto izy.
[15]Tsy maintsy mijery an'ilay nofo mangana ilay mpisorona ary manambara azy ho maloto satria maloto ilay nofo mangana. Areti-mifindra izany. [16]Fa raha mivadika fotsy indray ny nofo mangana, dia tsy maintsy mandeha any amin'ny mpisorona ilay olona. [17]Hizaha azy ilay mpisorona mba hijerena raha nivadika fotsy ilay nofo. Raha nivadika izany dia hanambara ilay olona ho madio ilay mpisorona.
[18]Raha misy vay eo amin'ny hoditra ny olona iray ka sitrana izany, [19]ary raha misy mamontsina fotsy na holatry ny fery, mena fotsy eo amin'ny toeran'ilay vay, dia tsy maintsy aseho an'ilay mpisorona izany. [20]Hizaha izany ilay mpisorona mba hijery raha miha-milentika ambanin'ny hoditra izany, ary raha nivadika fotsy ny volo eo. Raha izany, dia tsy miantsy manambara azy ho maloto ilay mpisorona. Areti-mifindra izany, raha mitombo eo amin'ilay toerana izay nisy ilay vay izany.
[21]Fa raha mizaha izany ilay mpisorona ka mahita fa tsy misy volo fotsy eo amin'izany, ary tsy ao ambanin'ny hoditra izany fa efa niala, dia tsy maintsy hatokan'ily mpisorona monina mandritra ny hafitoana iz. [22]Raha miparitaka be amin'ny hoditra izany, dia tsy maintsy manambara azy ho maloto ilay mpisorona. Areti-mifindra izany. [23]Fa raha mijanona amin'ny toerany ilay holatry ilay fery fa tsy niparitaka, dia holatr'ilay vay izany, ka tsy maintsy hanambara azy ho madio ilay mpisorona.
[24]Rehefa misy may ny hoditra ary lasa somary mena-fotsy na faritra fotsy ilay nofo mangana may, [25]dia hizaha izany ilay mpisorona mba hijery raha nivadika fotsy ny volo amin'izany faritra izany, ary raha hita fa lalina kokoa noho ilay teo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

amin'ny hoditra izany. Raha misy izany, dia areti-mifindra. Lasa habokana teo amin'ilay may izany, ary tsy maintsy manambara azy ho maloto ilay mpisorona. Areti-mifindra izany.
[26]Fa raha mizaha izany ilay mpisorona ka mahita fa tsy misy volo fotsy amin'ilay faritra, ary tsy ao ambanin'ny hoditra izany fa matroka, dia tsy maintsy hatokan'ny mpisorona monina mandritra ny hafitoana izy. [27]Avy eo dia tsy maintsy mizaha azy ilay mpisorona amin'ny andro fahafito. Raha niparitaka be tamin'ny hoditra izany, dia tsy maintsy manambara azy ho maloto ilay mpisorona, Areti-mifindra izany. [28]Raha mijanona eo amin'ny toerany ilay faritra ary tsy miparitaka amin'ny hoditra fa matroka, dia famontsinana avy amin'ilay may izany, ary ny mpisorona dia tsy maintsy hanambara azy ho madio, fa zavatra tsy misy dikany izany mihoatra noho ny holatry ny may.
[29]Raha misy lehilahy na vehivavy misy areti-mifindra eo amin'ny loha na saoka, [30]dia tsy maintsy mizaha ilay olona amin'ny areti-mifindra ilay mpisorona mba hijery raha miseho lalina kokoa noho ny eo amin'ny hoditra izany, ary raha misy mavomavo, volo manify ao amin'izany. Raha misy, dia tsy maintsy manambara azy ho maloto ilay mpisorona. Hidihidy izany, areti-mifindra eo amin'ny loha na amin'ny saoka izany.
[31]Raha mizaha ilay aretin'ny hidihidy ilay mpisorona ka mahita fa tsy eo ambanin'ny hoditra izany, ary raha tsy misy volo mainty amin'izany, dia hampitoka-monina an'ilay olona misy aretin'ny hidihidy ilay mpisorona mandritra ny hafitoana.
[32]Amin'ny andro fahafito dia hizaha ilay aretina ilay mpisorona mba hijery raha niparitaka izany. Raha tsy misy volo mavomavo, ary raha toy ny hatevin'ny hoditra fotsiny ny fahitana ilay aretina, [33]dia tsy maintsy ho solaina izy, fa ilay faritra misy ny aretina dia tsy tokony ho solaina, ary ny mpisorona dia tsy maintsy hampitoka-monina an'ilay olona amin'ny aretin'ny hidihidy mandritra ny hafitoana.
[34]Amin'ny andro fahafito dia hizaha ilay aretina ilay mpisorona mba hijery raha nitsahatra niparitaka tamin'ny hoditra izany. Raha hita ho tsy matevina noho ny hoditra izany, dia tsy maintsy hanambara azy ho madio ny mpisorona. Tsy maintsy manasa ny akanjony ilay olona, dia hadio izy avy eo.
[35]Fa raha miha-miparitaka amin'ny hoditra ilay aretin'ny hidihidy taorian'ny nilazan'ilay mpisorona fa madio izy, [36]dia tsy maintsy mizaha azy indray ilay mpisorona. Raha miparitaka amin'ny hoditra ilay aretina, dia tsy mila mitady volo mavomavo intsony ilay mpisorona. Maloto ilay olona. [37]Fa raha amin'ny fijerin'ny mpisorona dia efa nijanona niparitaka ilay aretin'ny hidihidy ary nisy volo mainty naniry teo amin'ny faritra, avy eo dia sitrana ilay aretina. Madio izy, ary tsy maintsy manambara azy ho madio ilay mpisorona.
[38]Raha misy lehilahy na vehivavy misy faritra fotsy amin'ny hoditra, [39]dia tsy maintsy mizaha ilay olona ilay mpisorona mba hijery raha matroka ilay faritra, izay fery vaky teo amin'ny hoditra fotsiny ihany. Dia madio izy.
[40]Raha mihintsana amin'ny lohany ny volon'ny olona iray, dia sola izy, fa madio. [41]Raha milatsaka avy eo amin'ny tampon-dohany ny volony, ary sola ny tampon-kandriny, dia madio izy.
[42]Fa raha misy ratra mena-fotsy eo amin'ny lohany sola na tampon-kandriny, dia areti-mifindra izay vaky aty ivelany izany. [43]Avy eo dia tsy maintsy mizaha azy ilay mpisorona mba hijery raha mena-fotsy ilay faritra mivonton'ilay aretina eo amin'ny lohany sola na ny tampon-kandriny, tahaka ny endriky ny areti-mifindra amin'ny hoditra. [44]Raha izany, dia misy areti-mifindra sy maloto izy. Tsy maintsy manambara azy ho maloto tokoa ilay mpisorona nohon'ny aretiny eo amin'ny lohany.
[45]Ny olona izay misy areti-mifindra dia tsy maintsy manao akanjo rovitra, tsy maintsy asarakorako ny volony, ary tsy maintsy manarona ny tavany hatreo amin'ny orony izy ary miantsoantso hoe: 'Maloto, maloto.' [46]Mandritra ny andro rehetra izay hisian'ilay areti-mifindra aminy dia haloto izy. Satria maloton'ilay aretina izay mety mifindra izy, dia tsy maintsy mipetra-drery. Tsy maintsy mipetraka any ivelan'ny toby izy.
[47]Ny akanjo izay nifindran'ny maty fotsy, na volon'ondry izany na lamban-drongony fotsy madinika, [48]na zavatra vita tamin'ny tenona na nozairina tamin'ny volon'ondry na rongony fotsy madinika na hoditra na zavatra vita tamin'ny hoditra— [49]raha misy fifindrana manopy maitso na manopy mena amin'ilay akanjo, ilay hoditra, ilay tenona, na fitaovana fanjairana, na zavatra vita tamin'ny hoditra, dia maty fotsy miparitaka izany; tsy maintsy aseho amin'ny mpisorona izany.
[50]Tsy maintsy mizaha ny mahakasika ilay maty fotsy ilay mpisorona; tsy maintsy hatokany mandritra ny hafitoana ny zavatra rehetra izay misy maty fotsy. [51]Tsy maintsy mizaha ilay maty fotsy indray izy amin'ny andro fahafito. Raha niparitaka tamin'ny akanjo na zavatra vita tamin'ny tenona, nozairina tamin'ny volon'ondry na fitaovana rongony fotsy madinika, na hoditra na zavatra izay nampiasana hoditra, dia maty fotsy mampidi-doza izany, ary maloto izany zavatra izany. [52]Tsy maintsy mandoro ilay akanjo, na zavatra vita tamin'ny tenona, nozairina tamin'ny volon'ondry na fitaovana rongony fotsy, na hoditra na zavatra rehetra vita tamin'ny rongony fotsy, zavatra rehetra izay hita tamin'ilay maty fotsy mampidi-doza izy, fa mety hitondra aretina izany. Tsy maintsy dorana tanteraka izany zavatra izany.
[53]Raha mizaha ilay singa ny mpisorona ary mahita fa tsy niparitaka tamin'ny akanjo na ny zavatra notenonina na nozairina tamin'ny volon'ondry na rongony, fitaovana hoditra ilay maty fotsy, dia hibaiko azy ireo izy mba hanasa ny zavatra izay nahitana ilay maty fotsy, [54]ary tsy maintsy hatoka-monina mandritra ny hafitoana izany. [55]Avy eo dia hizaha ilay singa ilay mpisorona rehefa voasasa ilay zavatra misy maty fotsy. Na dia tsy niova ny lokon'ilay maty fotsy, ary tsy niparitaka aza izany, dia maloto foana izany. Tsy maintsy doranareo ilay singa, na taiza na taiza no nifindran'ilay maty fotsy.
[56]Raha mizaha ilay singa ny mpisorona, ary raha matromatroka ilay maty fotsy rehefa voasasa, dia tsy maintsy mandriatra ilay faritra maloto eo amin'ny akanjo na eo amin'ny rongony fotsy, na eo amin'ny tenona na fitaovana

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fanjairana izy. [57]Raha mbola miseho amin'ny akanjo hatrany ilay maty fotsy, na amin'ny tenona na amin'ny fitaovana fanjairana, na amin'ny zavatra rehetra natao tamin'ny rongony fotsy, dia miparitaka izany. Tsy maintsy mandoro ny zavatra rehetra izay nisy ilay maty fotsy ianareo. [58]Ny lamba na zavatra vita tamin'ny tenona na nozairina tamin'ny volon'ondry na fizavatra vita tamin'ny rongony fotsy, na hoditra na zavatra vita tamin'ny hoditra—raha manasa ilay zavatra ianareo ka miala ilay maty fotsy, dia tsy maintsy sasàna fanindroany ilay zavatra, dia hadio izany.
[59]Izany no lalàna momba ny maty fotsy amin'ny akanjo volon'ondry na rongony fotsy madinika, na zavatra notenonina na nozairina tamin'ny volon'ondry na rongony fotsy madinika na hoditra na zavatra vita amin'ny hoditra, mba hahafahanareo manambara na madio izany na maloto."

14 [1]Yaveh niteny tamin'i Mosesy, nanao hoe: [2]"Izao no ho lalàna ho an'ny boka amin'ny andro fanadiovana azy. Tsy maintsy entina any amin'ny mpisorona izy.
[3]Hivoaka ny toby ny mpisorona ka hizaha ilay olona mba hahafantarana azo sitranina ilay aretin-koditra. [4]Avy eo dia hibaiko ilay mpisorona fa ilay hodiovina dia tsy maintsy mitondra vorona velona roa sady madio, hazo sedera, kofehy jaky, ary hysopa. [5]Hibaiko azy mba hamono ny iray amin'ireo vorona eo amin'ny rano nalaina tamin'ny rano mandeha izay ao anaty tavy tanimanga ilay mpisorona.
[6]Haka ilay vorona velona sy ilay hazo sedera, ary ilay kofehy jaky sy ilay hysopa avy eo ny mpisorona, ary hampitsoboka ireo zavatra rehetra ireo, mbamin'ilay vorona velona, ao amin'ny ràn'ilay vorona izay novonoina tao amin'ilay rano nalaina tamin'ny rano mandeha. [7]Avy eo dia hafafin'ilay mpisorona im-pito amin'ilay olona hodiovina amin'ny aretina izany rano izany, ary avy eo hanambara azy ho madio ilay mpisorona. Avy eo dia hanafaka ilay vorona velona ho any amin'ny saha malalaka ilay mpisorona
[8]Ilay olona voadio dia hanasa ny fitafiany, hanaratra ny volony rehetra, ary hampandro ny tenany ao anaty rano, ary dia hadio izy. Aorian'izay dia tsy maintsy hiditra ao amin'ny toby izy, kanefa hijanona eo ivelan'ny lainy mandritra ny hafitoana. [9]Amin'ny andro fahafito dia tsy maintsy manaratra ny volon-dohany rehetra izy, ary manaratra ny volom-bavany sy ny volo-masony ihany koa. Tsy maintsy manaratra ny volony rehetra izy, ary tsy maintsy manasa ny fitafiany sy mampandro ny tenany ao anaty rano; ary dia hadio izy.
[10]Amin'ny andro fahavalo dia tsy maintsy haka zanak'ondry lahy tsy misy kilema roa izy, zanak'ondry vavy iray herintaona tsy misy kilema, sy koba tsara toto telo ampahafolon'ny efaha voaharo amin'ny diloilo ho fanatitra hohanina, ary diloilo iray loga. [11]Ilay mpisorona izay manadio azy dia hampitsangana ilay olona hodiovina, miaraka amin'ireo zavatra ireo, eo anoloan'i Yaveh eo amin'ny fidirana mankao amin'ny trano lay fihaonana.
[12]Haka ny iray amin'ireo zanak'ondry lahy ka hanolotra izany ho fanatitra nohon'ny heloka, miaraka amin'ilay logan-diloilo ilay mpisorona; hanevaheva ireo ho fanatitra ahevaheva eo anatrehan'i Yaveh izy.[13]Tsy maintsy hamono ilay ondry lahy eo amin'ny toerana izay famonoan'izy ireo fanatitra nohon'ny ota sy fanatitra dorana izy, ao amin'ny faritry ny tabernakely, fa an'ny mpisorona ny fanatitra nohon'ny ota, tahaka izany koa ny fanatitra nohon'ny heloka, satria izany no masina indrindra.
[14]Haka amin'ny ràn'ny fanatitra nohon'ny heloka ka hametraka izany eo an-tendron-tsofina havanan'ilay olona izay hodiovina ilay, eo amin'ny ankihiben-tanany havanana, ary amin'ny ankihiben-tongony havanana ilay mpisorona. [15]Ary haka diloilo avy amin'ilay loga ilay mpisorona ka handraraka izany eo amin'ny fela-tanany havia, [16]ary hanatsoboka ny ratsan-tanany havanana ao anatin'ilay diloilo eo amin'ny tanany havia, ary hamafy im-pito avy amin'ny diloilo amin'ny rantsan-tanany eo anoloan'i Yaveh.
[17]Ary hanosotra ny ambin'ilay diloilo teo amin'ny tanany eo amin'ny tendron-tsofina havanan'ilay olona hodiovina, ny ankihiben-tanany an-kavanana, ary ny ankihiben-tongony an-kavanana ilay mpisorona. Tsy maintsy mametraka izany diloilo izany eo ambonin'ilay rà avy tamin'ny fanatitra nohon'ny heloka izy. [18]Ary ny amin'ireo ambina diloilo izay eo an-tanan'ilay mpisorona, dia hanosotra izany eo amin'ny lohan'ilay olona hodiovina izy, ary ilay mpisorona dia hanao fanavotana ho azy eo anatrehan'i Yaveh.
[19]Avy eo dia hanolotra ny fanatitra nohon'ny ota sy hanao fanavotana ho azy izay ho diovina nohon'ny fahalotoany ilay mpisorona, ary aorian'izany dia hamono ilay fanatitra dorana izy. [20]Ary avy eo dia hanolotra ilay fanatitra dorana sy fanatitra hohanina eo ambony alitara ilay mpisorona. Hanao fanavotana ho an'ilay olona ilay mpisorona, ary dia hadio izy.
[21]Kanefa, raha mahantra sy tsy mahatakatra ireo sorona ireo ilay olona, dia tokony haka zanak'ondry lahy iray ho fanatitra nohon'ny heloka mba haevaheva izy, mba hanaovana fanavotana ho an'ny tenany, sy koba tsara toto iray ampahafolon'ny efaha voaharo diloilo ho fanatitra hohanina, ary diloilo iray loga, [22]miaraka amin'ny domoina roa na zana-boromailala roa, araka izay tratrany; vorona iray ho fanatitra nohon'ny ota ary ilay hafa ho fanatitra dorana. [23]Amin'ny andro fahavalo dia tsy maintsy mitondra ireo ho an'ny fanadiovana azy eo amin'ny mpisorona izy, eo amin'ny fidirana mankao amin'ny trano lay fihaonana, eo anatrehan'i Yaveh.
[24]Haka ilay zanak'ondry ho fanatitra ilay mpisorona, ary halainy miaraka amin'izany ilay menak'oliva iray loga, ary hanandratra izany ambony ho fanehoana azy ireo amin'i Yaveh izy. [25]Hamono ilay zanak'ondry ho an'ny fanatitra nohon'ny heloka izy, ary haka amin'ny ràn'ny fanatitra nohon'ny heloka ka hanisy izany eo amin'ny tendron-tsofina havanan'ilay ho diovina, eo amin'ny ankihiben-tanany an-kavanana, ary eo amin'ny ankihiben-tongony an-kavanana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Avy eo dia handraraka amin'ilay diloilo eo am-pelatanany an-kavia ilay mpisorona, [27]ary hamafy im-pito amin'ny rantsan-tanany an-kavanana amin'ilay diloilo izay eo amin'ny tanany an-kavia eo anatrehan'i Yaveh izy.
[28]Dia hanisy amin'ilay diloilo izay eo amin'ny tanany ny tendron-tsofina an-kavanan'ilay hodiovina ilay mpisorona, ny ankihiben-tanany havanana, sy ny ankihiben-tongony havanana, eo amin'ilay faritra nasiany ny ràn'ilay fanatitra nohon'ny heloka ihany. [29]Hasiany ny ambin'ilay diloilo izay eo amin'ny tanany ny lohan'ilay hodiovina, mba hanaovana fanavotana ho azy eo anatrehan'i Yaveh.
[30]Tsy maintsy manolotra iray amin'ireo domoina na ireo zana-boromailala, araka izay takany izy— [31]iray ho an'ny fanatitra nohon'ny ota ary iray hafa ho fanatitra dorana, miaraka amin'ny fanatitra voa. Avy eo dia hanao fanavotana ho an'ilay ho diovina eo anatrehan'i Yaveh ilay mpisorona. [32]Izany no lalàna ho an'ny olona izay misy aretin-koditra mifindra, izay tsy mahatakatra ny fanatitra mahazatra ho an'ny fanadiovana azy."
[33]Niteny tamin'i Mosesy sy tamin'i Arona i Yaveh, nanao hoe: [34]"'Raha tonga amin'ny tany Kanana izay nomeko ho fananananareo ianareo, ary raha manisy maty fotsy izay miparitaka ao amin'ny trano ao amin'ny tany izay fananananareo Aho, [35]dia tsy maintsy tonga ary mampilaza ny mpisorona izay tompon'ny trano. Aoka izy hanao hoe: "Toa misy zavatra tahaka ny maty fotsy ao an-tranoko.'
[36]Avy eo dia handidy azy ireo ny mpisorona mba hanafoanan'izy ireo ilay trano mialohan'ny hidirany ao hizaha ny fisiana maty fotsy, mba tsy hisy na inona na inona ho voaloto ao amin'ilay trano. Aorian'izay dia tsy maintsy hiditra ao mba hijery ilay trano ny mpisorona. [37]Tsy maintsy mizaha ilay maty fotsy izy raha amin'ny rindrin'ny trano izany, ary hijery raha manopy maitso na manopy mena ny filentiny eo amin'ny rindrin'ny trano. [38]Raha misy maty fotsy ilay trano, dia hivoaka ilay mpisorona ka hanidy ny varavaran'ilay trano mandritra ny hafitoana.
[39]Ary hiverina indray ilay mpisorona amin'ny andro fahafito ka hizaha izany mba hamantatra raha niparitaka amin'ny rindrin'ny trano ilay maty fotsy. [40]Raha izany, dia hibaiko ny amin'ny hanalan'izy ireo ny vato izay nahitana ilay maty fotsy ilay mpisorona ka hanipy ireo any amin'ny toerana maloto ivelan'ny tanàna.
[41]Hasainy ho kikisana ny rindrina rehetran'ilay trano, ary tsy maintsy harian'izy ireo any ivelan'ny tanàna ireo kikiny izay mamindra ary hariany any amin'ny toerana maloto izany. [42]Tsy maintsy maka vato hafa izy ireo ary mametraka ireo amin'ny toeran'ireo vato izay nesoriny, ary tsy maintsy mampiasa tanimanga vaovao izy ireo mba handalorana ny trano.
[43]Raha miverina indray ilay maty fotsy ka mamariparitra ao amin'ny trano izay vao avy nisy vato nesorina sy rindrina vao avy nokikisana ary avy naverina nolalorina, [44]dia tsy maintsy miditra ao ny mpisorona ka mizaha ilay trano mba hijery raha niparitaka ao amin'ny trano ilay maty fotsy. Raha izany, dia maty fotsy mampidi-doza izany, ary ilay trano dia maloto.
[45]Tsy maintsy arodana ilay trano. Ireo vato, hazo, ary ireo lalotra rehetra ao amin'ilay trano dia tsy maintsy entina hariana any amin'ny toerana maloto any ivelan'ny tanàna. [46]Ankoatr'izay, na iza na iza miditra ao amin'ilay trano mandritra ny fotoana hikatonany dia haloto mandra-paharivan'ny andro. [47]Izay natory tao amin'ilay trano dia tsy maintsy manasa ireo fitafiany, ary izay nihinana tao amin'ilay trano dia tsy maintsy manasa ireo fitafiany.
[48]Raha miditra ao amin'ilay trano ilay mpisorona ka mizaha izany mba hahafantarana raha efa niparitaka manerana ny trano ilay maty fotsy taorian'ny nandalorana ilay trano, ary, raha niala ilay maty fotsy, dia hanambara izy fa madio ny trano.
[49]Avy eo dia haka vorona roa, sy hazo sedera, sy kofehy jaky ary hysopa mba hanadiovana ilay trano ilay mpisorona. [50]Ho vonoiny eo amin'ny rano nalaina tamin'ny rano mandeha ao anaty siny tanimanga ny iray amin'ireo vorona. [51]Haka ilay hazo sedera, ilay hysopa, ilay kofehy jaky, ary ilay vorona velona izy, ka hanatsoboka izany ao amin'ny ràn'ilay vorona novonoina, ao anaty rano nalaina tamin'ny rano mandeha, ary hamafy izany im-pito ao amin'ilay trano.
[52]Hanadio ilay trano amin'ny ràn'ilay vorona sy ilay rano nalaina teny amin'ny rano mandeha izy, miaraka amin'ilay vorona velona, ilay hazo sedera, ilay hysopa, ary ilay kofehy jaky. [53]Kanefa hamela ilay vorona velona hivoaka ny tanàna ho any amin'ny saha midadasika izy. Amin'izany fomba izany no tsy maintsy hanaovany fanavotana ho an'ilay trano, ka dia hadio izany.
[54]Izany no lalàna ho an'ireo karazan'aretin-koditra mifindra rehetra sy ireo zavatra izay miteraka aretina tahaka izany, sy ho an'ny hidihidy, [55]ny amin'ny maty fotsy amin'ny fitafiana sy amin'ny trano, [56]ny amin'ny mamontsina, ny amin'ny manako-pery, ary ny amin'ny mifaritra fotsy magirana, [57]mba ahafantarana raha misy amin'ireo tranga ireo no maloto na madio. Izany no lalàna ho an'ny aretin-koditra mifindra sy ny maty fotsy."

15 [1]Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh, nanao hoe: [2]"Miresaha amin'ny vahoakan'Israely ary lazao azy ireo hoe: 'Raha misy lehilahy mamoaka tsiranoka misy otrikaretina avy amin'ny vatany, dia lasa maloto izy. [3]Ny fahalotoany dia vokatr'izany tsiranoka misy otrikaretina izany. Na mitsika ny tsiranoka aminy na tsy mitsika, dia maloto izany.
[4]Ny fandriana rehetra handriany dia haloto, ary ny zavatra rehetra izay hipetrahany dia haloto. [5]Na iza na iza mikasika ny fandriany dia tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano, ary haloto mandra- paharivan'ny andro.
[6]Izay rehetra mipetraka amin'ny zavatra izay nipetrahan'ilay lehilahy mitsika tsiranoka misy otrikaretina, izany olona izany dia tokony manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano, ary haloto mandra-paharivan'ny andro izy. [7]Izay rehetra mikasika ny vatan'ilay mitsika tsiranoka misy otrikaretina dia tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano, ary haloto mandra-paharivan'ny andro.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Raha mandrora amin'ny olona izay madio ilay olona izay mitsika tsiranoka tahaka izany, dia tsy maintsy manasa ny akanjony izany olona izany ary mandro amin'ny rano, ary haloto mandra-paharivan'ny andro izy. [9]Ny lasely rehetra izay taingenan'ilay mitsika dia haloto.
[10]Na iza na iza mikasika ny zavatra izay tao ambanin' izany olona izany dia haloto mandra-paharivan'ny andro, ary izay rehetra mitondra ireo zavatra ireo dia tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; haloto mandra-paharivan'ny andro izy. [11]Na iza na iza mikasika ny tsiranoka tahaka izany kanefa tsy nanasa ny tanany mialoha ao anaty rano, dia tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano ilay olona voakasika, ary haloto mandra-paharivan'ny andro izy. [12]Ny vilany tany rehetra izay nokasihan'ilay mamoaka tsiranoka tahaka izany dia tsy maintsy vakiana, ary ny vata hazo rehetra dia tsy maintsy sasana amin'ny rano.
[13]Rehefa sitrana amin'ny fitsihany izy izay mitsika, dia tsy maintsy manisa fito andro amin'ny fanadiovana azy izy; avy eo hanasa ny akanjony izy ary hampandro ny vatany amin'ny rano mandeha. Dia hadio izy. [14]Amin'ny andro fahavalo dia tsy maintsy maka voromailala roa na zana-boromailala roa izy ary manatona eo anatrehan'i Yaveh eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihaonana; eo izy no hanolotra ireo vorona ho an'ny mpisorona. [15]Tsy maintsy manolotra ireo ilay mpisorona, ny iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ary ny iray hafa ho fanatitra dorana, ary tsy maintsy manao fanavotana ho azy eo anatrehan'i Yaveh nohon'ny fitsihany izy.
[16]Raha misy lehilahy mamoaka tsirinaina, dia tsy maintsy manasa ny vatany manontolo amin'ny rano izy; haloto mandra-paharivan'ny andro izy. [17]Ny fitafiana sy hoditra rehetra izay misy tsirin'aina dia tsy maintsy sasaina amin'ny rano; haloto mandra-paharivan'ny andro izany. [18]Raha miara-mandry ny lehilahy sy vehivavy ary misy fandefasana tsirinaina ao amin-dravehivavy, dia tsy maintsy mandro amin'ny rano izy roa; haloto mandra-paharivan'ny andro izy ireo.
[19]Raha fadimbolana ny vehivavy iray, dia hitohy mandritry ny fito andro ny fahalotoany, ary na iza na iza mikasika azy dia haloto mandra-paharivan'ny andro. [20]Ny zavatra rehetra izay handriany mandritry nyfotoanany dia haloto; ny zavatra rehetra izay hipetrahany dia haloto ihany koa.
[21]Na iza na iza mikasika ny fandrianany dia tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; izany olona izany dia haloto mandra-paharivan'ny andro. [22]Na iza na iza mikasika ny zavatra rehetra izay hipetrahany dia tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; izany olona izany dia haloto mandra-paharivan'ny andro. [23]Na amin'ny fandriana izany na amin'ny zavatra izay hipetrahany, raha mikasika izany izy, dia haloto mandra-paharivan'ny andro izany olona izany.
[24]Raha miara-mandry aminy ny lehilahy, ary raha mikasika an-dralehilahy ny tsiranoka maloto avy aminy, dia haloto mandritry ny fito andro izy. Ny fandriana rehetra izay handriany dia haloto.
[25]Raha misy vehivavy mamoaka rà mandritry ny andro maro izay tsy amin'ny fotoanan'ny fadimbolany, na raha mamoaka tsiranoka ivelan'ny fotoanan'ny fadimbolany izy, dia ho toy ny hoe amin'ny andron'ny fadimbolany izy, mandritry ny andro rehetra hitsihan'ny fahalotoany. Maloto izy. [26]Ny fandriana rehetra handriany mandritry ny fandehanan'ny rànу dia ho toy ny fandriana izay handriany mandritry ny fadimbolany ihany aminy, ary ny zavatra rehetra izay hipetrahany dia haloto, toy ny fahalotoan'ny fadimbolany. [27]Na iza na iza mikasika ireo zavatra ireo dia haloto; tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano izy, ary haloto mandra-paharivan'ny andro izy.
[28]Fa raha voadio amin'ny fitsihan'ny rànу izy, dia hanisa fito andro ho azy, ary aorian'izay dia hadio izy. [29]Amin'ny andro fahavalo dia haka voromailala roa na zana-boromailala roa izy ho azy izy ary hitondra ireo any amin'ny mpisorona eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihaonana. [30]Ilay mpisorona dia hanolotra vorona iray ho fanatitra nohon'ny ota ary ny iray hafa ho fanatitra dorana, ary hanao fanavotana ho azy eo anatrehan'i Yaveh izy nohon'ny fitsihan'ny rà malotony.
[31]Izany no fomba tokony hanasarahanao ny vahoakan'Israely amin'ny fahalotoan'izy ireo, ka tsy ho faty nohon'ny fahalotoany izy ireo, amin'ny fandotoana ny tabernakely, izay hitoerako eo amin'izy ireo.
[32]Ireo no didy amam-pitsipika ho an'ny rehetra izay mamoaka tsiranoka, ho an'ny lehilahy rehetra izay mamoaka ny tsirinainy sy mandoto ny tenany, [33]ho an'ny vehivavy izay ao anaty fadimbolana, ho an'ny rehetra izay mamoaka tsiranoka, na lahy na vavy, ary ho an'ny lehilahy rehetra izay miara-mandry amin'ny vehivavy maloto.'"

16 [1]Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh—izany dia taorian'ny nahafatesan'ireo zanak'i Arona roa lahy, rehefa nandeha nanakaiky an'i Yaveh izy ireo ary maty avy eo. [2]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Miresaha amin'i Arona rahalahinao ary lazao izy mba tsy ho tonga amin'ny fotoana rehetra any amin'ilay fitoerana masina indrindra anatin'ny efitra lamba, eo anoloan'ny sarom-panavotana izay eo amin'ny fiara. Raha manao izany izy, dia ho faty, satria miseho amin'ny rahona eo amin'ilay sarom-panavotana Aho.
[3]Koa izao no fomba tokony ahatongavan'i Arona ao amin'ilay toerana masina indrindra. Aoka izy hiditra miaraka amin'ny vantotr'omby lahy ho fanatitra nohon'ny ota, ary ondry lahy ho fanatitra dorana. [4]Tsy maintsy manao ny akanjo lava masina vita amin'ny lamba rongony fotsy izy, ary tsy maintsy manao atin'akanjo vita amin'ny rongony fotsy ary tsy maintsy manao fehin-kibo rongony fotsy sy hamama rongony fotsy. Ireo no fitafiana masina. Tsy maintsy mampandro ny tenany amin'ny rano izy ary avy eo mitafy ireo akanjo ireo. [5]Tsy maintsy maka osy lahy roa avy amin'ireo fivondronan'ny vahoakan' Israely izy ho fanatitra nohon'ny ota ary ondry lahy iray ho fanatitra dorana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Avy eo aoka Arona hanolotra ilay vantotr'omby lahy ho fanatitra nohon'ny ota, izay ho an'ny tenany, mba hanaovana fanavotana ho an'ny tenany sy ny fianakaviany. [7]Avy eo dia haka ireo osy lahy roa izy ary hametraka ireo eo anatrehan'i Yaveh eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihaonana.
[8]Avy eo Arona tsy maintsy miloka an'ireo osy roa, loka iray ho an'i Yaveh, ary ny loka iray hafa ho an'ny azazela. [9]Tsy maintsy manolotra ilay osy eo amin'ilay nianjeran'ny loka ho an'i Yaveh i Arona avy eo, ary manolotra izany osy izany ho fanatitra nohon'ny ota. [10]Fa ilay osy izay nianjeran'ny loka ho an'ilay azazela dia tsy maintsy entina velona eo anatrehan'i Yaveh, mba hanaovana fanavotana amin'ny fandefasana azy toy ny azazela mankany an'efitra.
[11]Avy eo Arona dia tsy maintsy nanolotra ilay vantotr'omby lahy ho an'ny fanatitra nohon'ny ota, izay ho an'ny tenany. Tsy maintsy manao fanavotana ho an'ny tenany sy ho an'ny fianakaviany izy, ka tsy maintsy mamono ilay vantontr'omby lahy ho fanatitra nohon'ny ota ho an'ny tenany izy.
[12]Tsy maintsy maka fitondran'afo feno vain'afo avy eo amin'ny alitara eo anatrehan'i Yaveh i Arona, miaraka amin'ny ditin-kazo manitra madinika eran'ny tanana, ary mitondra ireo zavatra ireo ao anatin'ny efitra lamba. [13]Ao izy no tsy maintsy mametraka ilay ditin-kazo ho ao anaty afo eo anatrehan'i Yaveh mba handrakotra ilay rakotra fanaovam-panavotana eo ambonin'ireo didim-panekana ilay rahona avy amin'ilay ditin-kazo. Tsy maintsy manao izany izy mba tsy ho faty.
[14]Avy oe dia tsy maintsy maka amin'ny ràn'ilay vantitr'omby lahy izy ka hamafy izany amin'ny tanany eo anoloan'ilay rakotra fanaovam-panavotana. Tsy maintsy mamafy ny sasany amin'ilay rà amin'ny rantsan-tanany im-pito eo anatrehan'ilay rakotra fanaovam-panavotana izy.
[15]Dia hamono ilay osy lahy ho fanatitra nohon'ny ota izay ho an'ny vahoaka ary hitondra ny ràny ho ao anatin'ny efitra lamba izy. Tsy maintsy manao toy ny efa nataony tamin' ilay rà no ataony amin'ny ràn'ilay vantotr'omby lahy: tsy maintsy mamafy izany eo amin'ny rakotra fanaovam-panavotana izy ary avy eo anoloan'ny rakotra fanaovam-panavotana. [16]Tsy maintsy manao fanavotana ho an'ilay toerana masina izy noho ireo asa maloton'ny vahoakan'Israely, sy nohon'ny fikomian'izy ireo sy ny fahotany rehetra. Tsy maintsy manao izany ho an'ny lay fihaonana ihany koa izy, izay hitoeran'i Yaveh eo amin'izy ireo, amin'ny fanatrehan'ireo asa maloton'izy ireo.
[17]Tsy misy tokony ho ao amin'ny lay fihaonana rehefa miditra ao amin'izany mba hanao fanavotana ao amin'ilay toerana masina indrindra i Arona, ary mandra-pivoakany sy mandra-pahavitany ny fanavotana ho an'ny tenany sy ho an'ny fianakaviany, ary ho an'ny fivondronan'Israely rehetra. [18]Tsy maintsy mivoaka eo amin'ny alitara izay eo anatrehan'i Yaveh izy ary manao fanavotana ho an'izany, ary tsy maintsy maka amin'ny ràn'ilay vantitr'omby lahy sy ny amin'ny ràn'ilay osy lahy izy ary mametraka izany manodidina ny tandroky ny alitara rehetra. [19]Tsy maintsy mamafy ny ampahany amin'ilay rà eo amin'izany amin'ny tanany im-pito izy mba hanadiovana izany sy hanokanana izany ho an'i Yaveh, lavitr'ireo asa maloton'ny vahoakan'Israely.
[20]Rehefa vitany ny fanavotana an'ilay toerana masina indrindra, ny lay fihaonana, sy ny alitara, dia tsy maintsy manolotra ilay osy lahy velona izy. [21]Tsy maintsy mametraka ny tanany eo an-dohan'ilay osy lahy velona izy ary miaiky ireo faharatsina rehetran'ny vahoakan'Israely, ny fikomiany rehetra, sy ny fahotany rehetra eo aminy. Avy eo izy dia tsy maintsy mametraka izany ota izany eo an-dohan'ilay osy lahy velona ary mandefa ilay osy lahy ho entin'ny lehilahy izay vonona hitarika ilay osy ho any an'efitra. [22]Tsy maintsy entin'ilay osy lahy mankany an'efitra ny faharatsian'ny vahoaka rehetra. Any an'efitra any, dia tsy maintsy hamela ilay osy ilay lehilahy.
[23]Avy eo dia tsy maintsy miverina any amin'ny lay fihaonana i Arona ary hanala ireo akanjo rongony fotsy izay nanaovany mialohan'ny nandehanana ho ao amin'ilay toerana masina indrindra, ary tsy maintsy mamela ireo akanjo ireo ao izy. [24]Tsy maintsy mampandro ny vatany amin'ny rano any amin'ny toerana masina izy, ary manao akanjo tsotra; avy eo dia tsy maintsy mivoaka izy ary manolotra ny fanatiny dorana sy ny fanatitra dorana ho an'ny vahoaka, ary amin'izany fomba izany dia hanao fanavotana ho an'ny tenany sy ho an'ny vahoaka.
[25]Tsy maintsy mandoro ny sabora amin'ilay fanatitra nohon'ny ota eo amin'ny alitara izy. [26]Izay nandefa ilay azazela dia tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano; aorian'izany, dia hiverina any amin'ny toby izy.
[27]Ilay vantotr'omby lahy ho an'ny fanatitra nohon'ny ota sy ilay osy lahy ho an'ny fanatitra nohon'ny ota, izay nentina nanaovana fanavotana tany amin'ny toerana masina ny ràny, dia tsy maintsy entina ivelan'ny toby. Any izy ireo no tsy maintsy mandoro ny hodiny, ny nofony, ary ny tain-drorohany. [28]Ilay lehilahy izay mandoro ireo faritra ireo dia tsy maintsy manasa ny akanjony sy mampandro ny tenany amin'ny rano; aorian'izany, dia hiverina any amin'ny toby izy.
[29]Ho lalàna mandrakizay ho anareo amin'ny volana faha-fito, amin'ny andro fahafolon'ny volana izany, aoka ianare, na ny tompon-tany na ny vahiny izay miaina eo aminareo hanetri-teny sy tsy hiasa. [30]Izany dia satria amin'izany andro izany ny fanavotana dia ho atao ho anareo, mba hanadiovana anareo amin'ny fahotanareo rehetra mba hadio eo anatrehan'i Yaveh ianareo. [31]Ho Sabata fitsaharana manetriketrika ho anareo izany, ary tsy maintsy manetri-tena sy tsy miasa ianareo. Ho lalàna mandrakizay eo aminareo izany.
[32]Ny mpisoronabe, izay ho hosorana sy ho tondroina ho mpisoronabe eo amin'ny toeran'ny rainy, dia tsy maintsy manao izany fanavotana izany sy manao ireo akanjo rongony fotsy, izany dia, ilay akanjo masina. [33]Tsy maintsy manao fanavotana ho an'ilay toerana masina indrindra izy; tsy maintsy manao fanavotana ho an'ny lay fihaonana sy ho an'ny alitara izy, ary tsy maintsy manao fanavotana ho an'ireo mpisorona sy ny vahoaka rehetra ao amin'ny fivondronana izy.
[34]Ho lalàna ho anareo mandrakizay izany, mba hanaovana fanavotana ho an'ny vahoakan'Israely nohon'ny otany rehetra, indray mandeha isan-taona." Vita araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

17 [1]Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: [2]"'Miresaha amin'i Arona sy ireo zanany lahy, sy amin'ny
vahoakan'Israely rehetra. Teneno azy ireo izay nandidian'i Yaveh: [3]"Ny lehilahy ao Israely izay mamono omby,
zanak'ondry, na osy eo amin'ny toby na mamono izany ivelan'ny toby, mba hanao sorona izany— [4]ka raha tsy mitondra
izany eo amin'ny fidirana amin'ny trano-lay fihaonana mba hanatitra izany ho sorona ho an'i Yaveheo anoloan'ny
tabernakeliny izy, dia ho meloka amin'ny fandatsahan-drà izany lehilahy izany. Nandatsa-drà izy, ary tsy maintsy esorina
eo amin'ny vahoakany izany lehilahy izany.
[5]Ny anton'izany didy izany dia ny mba hitondran'ny vahoakan'Israely ny soron'izy ireo amin'i Yaveh eo amin'ny fidirana
ao amin'ny trano-lay fihaonana, mba hatolotry ny mpisorona ho fanati-pihavanana amin'i Yaveh, fa tsy hanatitra sorona
ao amin'ny saha malalaka. [6]Hamafy ny rà eo amin'ny alitaran'i Yaveh eo amin'ny fidirana ao amin'ny trano-lay fihaonana
ny mpisorona; handoro ny sabora ho an'izany izy mba hanome hanitra mamerovero ho an'i Yaveh.
[7]Aoka tsy hanatitra ny soron'izy ireo amin'ny sampy osy intsony ny vahoaka, fa tamin'izany no nanaovan'izy ireo
fijangajangana. Ho lalàna maharitra eo amin'izy ireo hatramin'ny taranaka fara-mandimbiny izany.'
[8]Aoka ianao hilaza amin'izy ireo hoe: 'Na iza na iza lehilahy eo amin'Israely, na vahiny izay monina eo amin'izy ireo,
manatitra fanatitra dorana na sorona [9]ka tsy mitondra izany eo amin'ny fidirana ao amin'ny trano-lay fihaonana mba
hanao sorona izany ho an'i Yaveh, dia aoka ho esorina eo amin'ny vahoakany izany lehilahy izany.
[10]Raha misy olona amin'ny ankohonan' Israely, na misy vahiny izay monina eo amin'izy ireo mihinana rà, dia hanandrina
ny tavako hanohitra izany olona izany Aho ary hanongotra izany olona izany eo amin'ny vahoakany Aho. [11]Fa ao amin'ny
ràny ny ain'ny biby. Nomeko anao ny ràn'izany mba hampisy fanavotana eo amin'ny alitara ho an'ny ainareo, satria ny rà
no mampisy fanavotana, fa ny rà no manonitra ny aina.
[12]Noho izany dia niteny tamin'ny vahoakan'Israely Aho mba tsy hisy hihinana rà eo aminareo, na misy hihinana rà izay
vahiny monina eo aminareo. [13]Na iza na iza amin'ny vahoakan'Israely, na izay vahiny monina eo amin'izy ireo, izay
mihaza sy mamono biby na vorona izay azo hanina, dia handraraka ny ràn'izany ary hanototra tany ilay rà.
[14]Fa ao amin'ny ràny ny ain'ny zava-boaary rehetra. Izany no nilazako tamin'ny vahoakan'Israely hoe: "Aoka ianareo tsy
hihinana ny ràn'ny zava-boaary, satria ao amin'ny ràny ny ain'ny zava-manan'aina rehetra. Na iza na iza mihinana izany
dia aoka ho roahina."
[15]Ny olona tsirairay izay mihinana biby efa maty na voaviraviran'ny bibi-dia, na tera-tany na vahiny ilay olona monina eo
aminareo, dia aoka izy hanasa ny akanjony ary hampandro ny tenany amin'ny rano, ary haloto izy mandra-paharivan'ny
andro. Dia hadio izy avy eo. [16]Fa raha tsy manasa ny akanjony na mampandro ny vatany izy, dia aoka izy hizaka ny
helony.'"

18 [1]Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: [2]"'Miresaha amin'ny vahoakan' Israely ary lazao izy ireo hoe: 'Izaho no
Yaveh Andriamanitrareo. [3]Aza manao ny zavatra izay ataon'ny vahoaka any Egypta, izay nonenanareo teo aloha. Aza
manao izay zavatra ataon'ny vahoaka ao Kanana, ilay tany izay hitondrako anareo. Aza manaraka ny fomban'izy ireo.
[4]Ny lalàko no aoka hataonareo, ary ireo didiko no aoka ho tandremanareo, mba handehananareo eo amin'izy ireo, satria
Izaho no Yaveh Andriamanitrareo. [5]Noho izany dia tandremo ireo didy aman-dalàko. Raha misy olona mankatò ireny, dia
ho velona noho izy ireny izy. Izaho no Yaveh.
[6]Aoka tsy hisy olona hiara-mandry amin'izay olona mifandray akaiky aminy. Izaho no Yaveh. [7]Aza manala baraka ny
rainareo amin'ny fatoriana miaraka amin'ny reninareo. Reninareo izy! Aza manala baraka azy. [8]Aza miara-mandry
amin'ireo vadin-drainareo; aoka ianareo tsy hanala baraka ny rainareo tahaka izany.
[9]Aza miara-mandry amin'izay anabavinareo, na zanaka vavin'ny rainareo izy na zanaka vavin'ny reninareo, na dia
natsangana tao amin'ny tranonareo na lavitra anareo aza izy. Aza miara-mandry amin'ny anabavinareo. [10]Aza miara-
mandry amin'ny zanaka vavin'ny zanakareo lahy na amin'ny zanaka lahin'ny zanakareo vavy. Fa ho henatra ho anareo
ihany izany. [11]Aza miara-mandry amin'ny zanaka vavin'ny vadin-drainareo, izay nateraky ny rainareo. Anabavinareo izy,
ary aoka ianareo tsy hiara-mandry aminy.
[12]Aza miara-mandry amin'ny anabavin-drainareo. Havana akaikin'ny rainareo izy. [13]Aza miara-mandry amin'ny
rahavavin-dreninareo. Havana akaikin'ny reninareo izy. [14]Aza manala baraka ny rahalahin-drainareo amin'ny fiaraha-
mandry amin'ny vadiny. Aza manakaiky azy amin'izany tanjona izany; nenitoanareo izy.
[15]Aza miara-mandry amin'ny vinanto vavinareo. Vadin-janakareo izy; aza miara-mandry aminy. [16]Aza miara-mandry
amin'ny vadin-drahalahinareo; aza manala baraka azy amin'izany fomba izany.
[17]Aza miara-mandry amin'ny vehivavy iray sy ny zanany, na amin'ny zanaka vavin'ny zanany lahy na amin'ny zanaka
vavin'ny zanany vavy. Havana akaiky azy izy ireo, ary faharatsiana ny fiaraha-mandry amin'izy ireo. [18]Aoka ianareo tsy
hanambady ny rahavavim-badinareo ho vady faharoa ary hiara-mandry aminy raha mbola velona ny vadinareo
voalohany.
[19]Aza miara-mandry amin'ny vehivavy mandritry ny fadimbolany. Maloto izy mandritr'izany fotoana izany. [20]Aza miara-
mandry amin'ny vadin'ny mpiray vody rindrina aminareo ka handoto ny tenanareo miaraka aminy amin'izany fomba
izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Aoka ianareo tsy hanome ireo zanakareo ho atao eo amin'ny afo, fa manao sorona azy ireo ho an'i Moloka ianareo amin'izany, satria tsy mahazo maniratsira ny anaran'Andriamanitrareo ianareo. Izaho no Yaveh.
[22]Aza miara-mandry amin'ny lehilahy hafa toy ny miaraka amin'ny vehivavy. Ratsy izany. [23]Aza miara-mandry amin'ny biby sy mandoto ny tenanareo miaraka amin'izany. Aoka tsy hisy vehivavy hihevitra fiaraha-mandry amin'ny biby. Fahavetavetana izany.
[24]Aza mandoto ny tenanareo amin'ireo fomba ireo, fa tamin'ireo fomba rehetra ireo no nampahaloto ireo firenena, ireo firenena izay ho roahiko eo anatrehanareo. [25]Voaloto ny tany, ka nosaziako ny fahotan'izy ireo, ary nandoa ireo mponiny ny tany.
[26]Noho izany, ianareo, dia aoka hitandrina ny didiko sy ny fitsipiko, ary aoka ianareo tsy hanao ireo zava-mahatsiravina ireo, na ny tera-tany Israelita izany na ny vahiny izay monina eo aminareo. [27]Fa izany no faharatsiana efa nataon'ny mponin'ny tany, ireo izay nonina teto talohanareo, ary voaloto ny tany ankehitriny. [28]Noho izany dia mitandrema mba tsy haloan'ny tany ihany koa ianareo aorian'ny nandotoanareo azy, tahaka ny nandoavany ny vahoaka izay teo alohanareo.
[29]Na iza na iza manao ireo zava-mahatsiravina ireo, ireo olona izay manao zavatra toy izany dia ho esorina tsy ho eo amin'ny vahoakan'izy ireo. [30]Noho izany dia tandremo ny didiko mba tsy hanao ireo fomba mahatsiravina izay natao teto talohanareo ireo, ka tsy handotoanareo ny tenanareo amin'ireo. Izaho no Yaveh Andriamanitrareo.'"

19 [1]Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: [2]"'Miresaha amin'ny fiangonan'ny vahoakan'Israely manontolo ary lazao azy ireo hoe: 'Masìna ianareo, fa Izaho Yaveh Andriamanitrareo dia masina. [3]Aoka ny tsirairay hanaja ny reniny sy ny rainy, ary tandremo ny Sabatako, Izaho no Yaveh Andriamanitrareo.[4]Aza miodina mankany amin'ny sampinareo zava-poana, na manao andriamanitra vy ho anareo. Izaho no Yaveh Andriamanitrareo.
[5]Raha manatitra soron'ny fanati-pihavanana amin'i Yaveh ianareo, aoka ianareo hanatitra izany mba ho ekena. [6]Aoka ho hanina amin'ny andro hanateranareo azy izany, na amin'ny ampitson'iny. [7]Raha misy zavatra tsy lany mandra-pahatongan'ny andro fahatelo, dia aoka ho dorana izany. Maloto izany raha mbola hanina amin'ny andro fahatelo. Aoka tsy ho ekena izany, [8]fa ny tsirairay izay mihinana izany dia hitondra ny helony satria efa nanala baraka izay zava-masin'i Yaveh izy. Aoka ho esorina eo amin'ny vahoakany izany olona izany.
[9]Raha mijinja ny vokatry ny taninareo ianareo, dia aoka ianareo tsy hijinja tanteraka ny zoron'ny sahanareo, na koa hanangona vokatrareo rehetra. [10]Aoka ianareo tsy hanangona ny voaloboka rehetra amin'ny tanim-boalobokareo, na hanangona ny voaloboka izay milatsaka amin'ny tany eo amin'ny tanim-boalobokareo. Aoka havelanareo izy ireny ho an'ny mahantra sy ny vahiny. Izaho no Yaveh Andriamanitrareo.
[11]Aza mangalatra. Aza mandainga. Aza mifamitaka. [12]Aza mianiana lainga amin'ny Anarako na maniratsira ny Anaran'ny Andriamanitrareo. Izaho no Yaveh.
[13]Aza mampahory ny mpiara-monina aminareo na mandroba azy. Aoka tsy hijanona miaraka aminareo amin'ny alina manontolo ka hatramin'ny maraina ny karaman'ny mpikarama. [14]Aza manozona ny marenina na mametraka sakana manafintohina eo anolohan'ny jamba. Fa kosa, aoka ianareo hatahotra ny Andriamanitrareo. Izaho no Yaveh.
[15]Aza disoina ny fitsarana. Aza mizaha tavan'olona satria mahantra izy, ary aza mizaha tavan'olona satria olona ambony izy. Fa kosa, tsarao araka ny fahamarinana ny mpiara-monina aminareo. [16]Aza mivezivezy manaparitaka fosafosa eo amin'ny vahoakanareo, fa katsaho izay hiarovanareo ny ain'ny mpiray monina aminareo. Izaho no Yaveh.
[17]Aza mankahala ny rahalahinareo amin'ny fonareo. Aoka ianareo hiteny mafy an-kitsi-po ny mpiray monina aminareo mba tsy hifampizaranareo ota noho ny aminy. [18]Aza mamaly faty na mitazona lolom-po amin'ireo vahoakanareo, fa kosa tiavo ny namanareo tahaka ny tenanareo. Izaho no Yaveh.
[19]Tandremo ireo didiko. Aza manandrana mampanaraka ny bibinareo amin'ny karazam-biby hafa. Aza manakambana karazam-boa samihafa raha mamboly amin'ny tanim-boly. Aza mitondra akanjo natao tamin'ny akora roa karazana izay nampifangaroana.
[20]Na iza na iza miara-mandry amin'ny andevo vavy izay voafofo ho vady, nefa tsy novidiam-panavotana na nomena ny fahafahana, dia aoka izy ireo hosaziana. Aoka tsy ho vonoina izy ireo satria tsy olona afaka izy. [21]Aoka hitondra ny fanatitra nohon'ny heloka ho an'i Yaveh eo amin'ny fidiran'ny trano-lay fihaonana ny lehilahy iray_ondry lahy iray ho fanatitra nohon'ny heloka. [22]Dia hanao fanavotana ho azy ny mpisorona miaraka amin'ilay ondry lahy ho fanatitra nohon'ny heloka eo anolohan'i Yaveh, nohon'ny ota izay nataony. Ary dia ho voavela ny fahotana vitany.
[23]Raha tonga eo amin'ny tany ianareo ary mamboly ireo karazan-kazo fihinam-boa, dia aoka ianareo hamela ny voa izay vokarin'izy ireo mba ho voarara tsy ho hanina. Aoka ho voarara ny voa ho anareo mandritra ny telo taona. Aoka tsy hohanina izany. [24]Fa amin'ny taona fahefatra dia ho masina avokoa ny voa rehetra, ho fanati-piderana ho an'i Yaveh.
[25]Amin'ny taona fahadimy dia afaka hihinana ny voa ianareo, satria niandry ianareo mba hafahan'ireo hazo mamokatra bebe kokoa. Izaho no Yaveh.
[26]Aza mihinana hena raha mbola misy rà izany. Aza manontany ny fanahy momban'ny ho avy, ary aza mikatsaka ny hifehy ny hafa amin'ny hery mihoatry ny natoraly. [27]Aza manaraka ny fahazaran'ny mpanompo sampy tahaka ny fanaratana ny sisin'ny lohanareo na manongotra ny sisiny avy amin'ny volom-bavanareo. [28]Aza mandidy ny vatanareo ho an'ny maty na manisy marika tombokavatsa amin'ny tenanareo. Izaho no Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[29]Aza manala baraka ny zanakareo vavy amin'ny fanaovana azy ho mpijangajanga, fa ho lavo amin'ny fijangajangana ny firenena ary ho feno faharatsiana ny tany. [30]Aoka ianareo hitandrina ny Sabatako ary hanome voninahitra ny fitoerana masin'ny taberakeliko. Izaho no Yaveh.
[31]Aza mihodina ho any amin'ireo izay miresaka amin'ny maty na amin'ny fanahy. Aza mitady azy ireo, fa raha tsy izany handoto anareo izy ireo. Izaho no Yaveh Andriamanitrareo.
[32]Aoka ianareo hitsangana manoloana ny olona fotsy volo ary hanome voninahitra ny olona antitra. Aoka ianareo hatahotra ny Andriamanitrareo. Izaho no Yaveh.
[33]Raha misy vahiny monina ao aminareo eo amin'ny taninareo, dia aoka ianareo tsy hanao ratsy azy. [34]Aoka ho tahaka ny tera-tany Israelita monina eo aminareo ireo vahiny izay monina miaraka aminareo, ary aoka ho tiavinareo tahaka ny tenanareo izy, satria efa mba vahiny ihany ianareo tany amin'ny tany Egypta. Izaho no Yaveh Andriamanitrareo.
[35]Aza mampiasa fandrefesana diso raha mandrefy halavana, lanja, na habetsahana. [36]Aoka ianareo hampiasa mizàna marina, vato mizàna marina, efaha marina, ary hina marina. Izaho no Yaveh Andriamanitrareo, izay nitondra anareo nivoaka ny tany Egypta. [37]Hankatoavy ireo didiko rehetra sy ny lalàko rehetra, ary hataovy ireny. Izaho no Yaveh.'"

20 [1]Niresaka tamin'i Mosesy Yaveh, nanao hoe: [2]"Lazao amin'ny zanak'Israely hoe: 'Izay rehetra eo amin'ny zanak'Israely, na vahiny izay mitoetra any Israely ka manolotra ny zanany amin'i Moloka, dia aoka ho faty. Aoka hitora-bato azy ny olon'ny tany.
[3]Hampifanandrina ny tavako amin'izany olona izany ihany koa Aho ary ho fongoriko eo amin'ireo olony izy satria efa natolony an'i Moloka ny zanany, mba handotoana ny toerako masina sy haniratsirana ny Anarako masina. [4]Raha manakipy ny masony amin'izany olona izany ny olon'ny tany rehefa manolotra ny zanany amin'i Moloka, raha tsy mamono azy izy ireo, [5]dia Izaho mihitsy no hampifanandrina ny tavako amin'izany olona izany sy ny fokony, dia hofongoriko izy sy ireo hafa rehetra izay mivarotra amin'ny tenany mba hijangajangana miaraka amin'i Moloka.
[6]Ny olona izay mitodika amin'ireo izay miresaka amin'ny maty, na ireo izay miresaka amin'ny fanahy mba hivarotra ny tenany amin'izy ireo, dia hanandrina ny tavako amin'izany olona izany Aho; ho fongoriko eo amin'ny olony izy. [7]Noho izany hamafiso ny tenanareo ary aoka ho masina, satria Izaho ilay Yaveh Andrimanitrareo. [1]
[8]Aoka hitandrina ny didiko ianareo ary hanaraka ireo. Fa Izaho no Yaveh izay nanokana anareo ho masina. [9]Aoka ho faty tokoa izay rehetra manozona ny rainy na ny reniny. Efa nanozona ny rainy na reniny izy, ka meloka ary mendrika ho faty.
[10]Ny lehilahy izay manitsakitsa-bady amin'ny vadin'olon-kafa, izany hoe, izay mijangajanga amin'ny sakaizam-badiny—aoka ilay mpijangajanga sy ilay nijangajangana samy ho faty tokoa. [11]Ny lehilahy izay miara-mandry amin'ny vadin-drainy mba handry aminy dia efa nanala baraka ny rainy. Aoka ho faty tokoa ny zanaka lahy sy ny vadin'ny rainy. Meloka izy ireo ary mendrika ny ho faty. [12]Raha misy lehilahy miara-mandry amin'ny vinanto vaviny, dia aoka samy ho faty tokoa izy roa. Efa nanao fahavetavetana izy ireo. Meloka izy ireo ary mendrika ny ho faty.
[13]Raha misy lehilahy miara-mandry amin'ny lehilahy hafa, tahaka ny miaraka amin'ny vehivavy, dia samy efa nanao zavatra marikoriko izy ireo. Aoka ho faty tokoa izy ireo. Meloka izy ireo ary mendrika ny ho faty. [14]Raha misy lehilahy manambady vehivavy ary manambady ny reniny ihany koa, dia faharatsiana izany. Aoka ho dorana izy ireo, izy sy ilay vehivavy, mba tsy hisy faharatsiana eo aminareo.
[15]Raha misy olona miara-mandry amin'ny biby, dia aoka ho faty tokoa izy, ary aoka ianareo hamono ilay biby. [16]Raha misy vehivavy manatona biby mba hiara-mandry amin'izany, dia aoka hamono ilay vehivavy sy ilay biby ianareo. Aoka ho faty tokoa izy ireo. Meloka sy mendrika ho faty izy ireo.
[17]Raha misy lehilahy miara-mandry amin'ny anabaviny, na koa amin'ny zanaka vavin'ny rainy na ny zanaka vavin'ny reniny—raha miara-mandry aminy izy ary izy miaraka aminy, dia zavatra mahamenatra izany. Aoka hofongorana eo amin'ny fanatrehan'ny olony izy ireo, satria niara-nandry tamin'ny anabaviny. Dia hibaby ny helony izy. [18]Raha misy lehilahy miara-mandry amin'ny vehivavy mandritra ny fadimbolany ary efa niara-mandry taminy, dia efa nampiseho ny rà nikorina taminy, ny nipoiran'ny ràny izy. Dia aoka samy hofongorana tsy ho eo amin'ny olony izy roa.
[19]Aoka tsy hiara-mandry amin'ny rahavavin-dreninao ianao, na amin'ny anabavin-drainao, satria hanala baraka ny havanao hakaiky anao ianao. Tsy maintsy hibaby ny helokao ianao. [20]Raha misy lehilahy miara-mandry amin'ny nenitoany, dia nanala baraka ny dadatoany izy. Rehefa maty izy ireo, dia samy ho saziako, ary rehefa maty izy ireo, dia hohalaiko ny lovan'ny zanak'izy ireo izay mety ho azony avy amin'ireo ray aman-dreniny. [21]Raha misy lehilahy manambady ny vadin-drahalahiny raha mbola velona ny rahalahiny, dia fahafaham-baraka, izany. Efa nanala baraka ny rahalahiny izy, ary hohalaiko amin'ny zanany ny fananana rehetra mety efa nolovan'izy ireo avy amin'ireo ray aman-dreniny.
[22]Koa aoka ianareo hitandrina ny didy aman-dalako rehetra; aoka hankatò izany ianareo mba tsy handoa anareo ny tany izay hitondrako anareo mba honenanareo. [23]Aoka tsy handeha amin'ny fomban'ireo firenena izay horoahiko tsy eo alohanareo ianareo, satria efa nanao izany zavatra rehetra izany izy ireo, ary halako ireo.
[24]Hoy Aho aminareo hoe: "Handova ny tanin'izy ireo ianareo; hanome izany ho fananana ho anareo Aho, tany tondra-dronono sy ny tantely. Izaho ilay Yaveh Andriamanitrareo, izay efa nanavaka anareo tamin'ireo olon-kafa. [25]Noho izany aoka ianareo hanavaka ny biby madio sy ny maloto, ny voro-manidina maloto sy madio. Aoka ianareo tsy handoto ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tenanareo amin'ireo biby maloto na ireo voro-manidina na amin'ny zava-manan'aina rehetra izay mandady amin'ny tany, izay efa navahako ho maloto taminareo.
[26]Aoka ho masina ianareo, fa Izaho, Yaveh, dia masina, ary efa nanavaka anareo tamin'ireo olon-kafa Aho, satria Ahy ianareo.
[27]Aoka ho faty tokoa ny lehilahy na ny vehivavy izay miresaka amin'ny faty na miresaka amin'ireo fanahy. Aoka hitorabato azy ireo ny olona. Meloka izy ireo ary mendrika ny ho faty.'"

₁Fanamarihana: Maro ny andian-teny vaovao misy hoe: "... satria Izaho, Yaveh Andriamanitrareo, Masina Aho."

---

21 [1]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Miresaha amin'ireo mpisorona, ireo zanaka lahin'i Arona, ary lazao izy ireo hoe: 'Aoka tsy hisy na iray aminareo ka handoto ny tenany ho nohon'ny amin'ireo izay maty eo amin'ny olony, [2]afa-tsy ireo havany akaiky azy—ny reniny, ny rainy, ny zanany lahy, ny zanany vavy, ny rahalahiny, [3]na ny anabaviny virjiny izay miantehitra aminy, ambara-pananany vady—fa mety handoto ny tenany nohony aminy izy.
[4]Saingy aoka tsy handoto ny tenany amin'ny olon-kafa izy ka handoto ny tenany. [5]Aoka ireo mpisorona tsy hanaratra ny lohany na hanaratra ireo sisin'ny volom-bavany, na hitetika ny tenany. [6]Aoka ho masina amin'ny Andriamaniny izy ireo ary tsy hanimbazimba ny anaran'Andriamaniny, satria ny mpisorona no manome ny fanatitra hohanina ho an'i Yaveh, ny mofon'ny Andriamanitr'izy ireo. Noho izany aoka ho masina ireo mpisorona.
[7]Aoka izy ireo tsy hanambady ny vehivavy izay mpivaro-tena sy maloto, ary aoka tsy hanambady vehivavy nisara-bady izy ireo, satria izy ireo dia voatokana ho an'ny Andriamanitr'izy ireo. [8]Hatokanareo izy, satria izy ilay manolotra mofo ho an'Andriamanitrareo. Aoka ho masina aminareo izy, satria Izaho, Yaveh izay manamasina anareo, dia masina. [9]Ny zanaka vavin'ny mpisorona izay mandoto ny tenany amin'ny fahalasanana ho mpivaro-tena manalabaraka ny rainy. Dia aoka ho dorana izy.
[10]Izay mpisoronabe eo amin'ireo rahalahiny, izay efa nandrarahana diloilo fanosorana teo amin'ny lohany, ary izay efa nohamasinina hitafy ny akanjo voatokana ho an'ny mpisoronabe, dia aoka tsy hampisarakorako ny volony na handrovitra ny akanjony. [11]Aoka tsy handeha eny amin'izay misy fatin'olona izy ka handoto ny tenany, na ny rainy na ny reniny aza. [12]Aoka ny mpisoronabe tsy handao ny faritry ny fitoerana masin'ny tabernakely na hanimbazimba ny fitoerana masin'ny Andriamaniny, satria efa nohamasinina ho mpisoronabe tamin'ny alalan'ny fanosorana ny diloilon'ny Andriamaniny izy. Izaho no Yaveh.
[13]Aoka ny mpisoronabe haka vady virijiny. [14]Aoka izy tsy hanambady mpitondratena, vehivavy nisara-bady, na vehivavy mpivaro-tena. Tsy hanambady izany karazam-behivavy izany izy. Virijiny avy amin'ny olony ihany no azony vadiany, [15]ka tsy handotoany ny zanany eo amin'ny vahoakany, satria Izaho no Yaveh, ilay nanamasina azy.'"
[16]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy, nanao hoe: [17]"'Miresaha amin'i Arona ary lazao azy hoe: 'Izay rehetra manana kilema ara-batana amin'ny taranakareo sy ny fara mandimbin'izy ireo, dia aoka izy tsy hanatona ka hanolotra hanina ho an'ny Andriamaniny.
[18]Aoka tsy hanatona an'i Yaveh ny olona rehetra izay manana kilema ara-batana, toy ny olona jamba na olona tsy afa-mandeha, izay simba tarehy na sembana, [19]ny olona izay manan-takaitra ny tanana na ny tongotra, [20]ny olona izay misy vokoka ao an-damosiny na kaozatina na fohy, na olona misy takaitra ny masony, na misy aretina, na areti-maso, lagaly, na izay vihy efa torotoro. [21]Tsy misy olona eo amin'ny taranak'i Arona mpisorona manana kilema ara-batana ka hanakaiky mba hanatanteraka ny fanatitra atao amin'ny afo ho an'i Yaveh. Ny olona manana kilema ara-batana toy izany; dia aoka izy tsy hanakaiky ka hanolotra mofo ho an'ny Andriamaniny.
[22]Afaka mihinana ny sakafon'ny Andriamaniny izy, na ny sasany amin'ireo masina indrindra na sasany amin'ireo masina.
[23]Na izany aza, aoka tsy hiditra anatin'ny lamba fanakonana na hanakaiky ny alitara izy, satria manan-kilema ara-batana izy, mba tsy mandoto ny toerako masina, satria izaho no Yaveh, izay manamasina ireo."' [24]Ka noresahin'i Mosesy tamin'i Arona avokoa ireo teny ireo, tamin'ireo zanaka lahiny, sy ireo zanak'Israely rehetra.

22 [1]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy, nanao hoe: [2]"'Miresaha amin'i Arona sy ireo zanany lahy, lazao izy ireo mba hitandrina ireo zavatra masin'ireo zanak'Israely, fa voatokana ho Ahy ireo. Aoka tsy hanimbazimba ny Anarako masina izy ireo. Izaho no Yaveh. [3]Lazao azy ireo hoe: 'Raha misy amin'ireo taranakareo amin'ny fara aman-dimbinareo manakaiky ireo zavatra masina izay efa voatokan'ny zanak'Israely ho an'i Yaveh, kanefa maloto izy, dia aoka ho fongorina eo anatrehako izany olona izany: Izaho no Yaveh.
[4]Tsy misy amin'ireo taranak'i Arona izay manana areti-koditra mifindra, na aretina mikoriana amin'ny ràny tsy an-kijanona avy amin'ny vatany, ka afaka hihinana ny sorona natao ho an'i Yaveh ambara-pahadio azy. Izay rehetra mikasika ny zavatra maloto na mifandray amin'ny maty, na amin'ny fifandraisana amin'ny lehilahy izay mandeha tsirinaina tsy an-kijanona, [5]na ireo rehetra mikasika ny biby mikisaka rehetra izay mampaloto azy, na ny olona izay mampaloto azy, na karazana loto inona izany na inona— [6]ka ny mpisorona izay mikasika ny zavatra maloto rehetra dia haloto mandra-pahariva ny andro. Aoka tsy hihinana ny amin'ireo zavatra masina rehetra izy, raha tsy efa nampandro ny tenany tamin'ny rano.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Rehefa milentika ny masoandro dia hadio izy. Aorian'ny filetehan'ny masoandro izy no afaka hihinana amin'ireo zavatra masina, satria sakafony ireo. [8]Aoka izy tsy hihinana ireo zavatra hitany maty na novonoin'ny bibi-dia, izay handotoany ny tenany. Izaho no Yaveh. [9]Aoka ny mpisorona hanaraka ireo fampianarako, fandrao ho meloka amin'ny ota izy ireo ka ho faty amin'ny fanimbazimbana Ahy. Izaho no Yaveh izay nanamasina ireo.
[10]Tsy misy olona ivelan'ny fianakavian'ny mpisorona, isan'izany ny vahinin'ny mpisorona na ireo mpanompony mpikarama, afaka hihinana ny zava-masina rehetra. [11]Saingy raha mividy andevo amin'ny volany manokana ny mpisorona, izany andevo izany dia afaka hihinana amin'ireo zavatra izay voatokana ho an'i Yaveh. Ny fikambanan'ny fianakavian'ny mpisorona sy ireo andevo teraka tao an-tranony, izy ireo ihany koa dia afaka hihinana ireo zavatra ireo miaraka aminy.
[12]Raha ny zanaka vavin'ny mpisorona no manambady olona izay tsy mpisorona, dia tsy afaka ny hihinana amin'ireo anjara fanatitra masina izy. [13]Fa raha mpitondratena ny zanaka vavin'ny mpisorona, na nisara-bady, ary raha tsy manan-janaka izy, ka miverina mitoetra amin'ny tranon-drainy toy ny tamin'ny fahazazany, dia afaka hihinana ny sakafon-drainy. Fa tsy misy olona izay tsy ao anatin'ny fianakavian'ny mpisorona afaka hihinana amin'ny sakafon'ny mpisorona.
[14]Raha misy olona mihinana tsy nahy ny sakafo masina, dia aoka izy hanonitra izany amin'ny mpisorona; aoka izy hanampy iray ampahadimin'izany ary hamerina izany any amin'ny mpisorona. [15]Aoka ny zanak'Israely tsy hametaveta ny zavatra masina izay efa nasandratra ambony sy natolotra ho an'i Yaveh, [16]ary tsy hampitondra ny tenan'izy ireo ny fahotana izay manameloka azy ireo amin'ny fihinanana ny sakafo masina, fa Izaho no Yaveh izay manamasina ireo."'
[17]Hoy i Yaveh tamin'i Mosesy, nanao hoe: [18]"'Miresaha amin'i Arona sy ireo zanany lahy, ary amin'ireo zanak'Israely rehetra. Lazao azy ireo hoe: 'Ny Israelita rehetra, na vahiny mitoetra ao Israely, rehefa manolotra sorona izy ireo__na hanatanteraka voady izany, na fanatitra antsitra-po, na hatolotr'izy ireo amin'i Yaveh ny fanatitra dorana, [19]raha ho ankasitrahana izany, dia aoka izy ireo hanolotra biby fiompy lahy tsy misy kilema, ondry, na osy.
[20]Nefa aoka ianareo tsy hanolotra izay manan-kilema. Tsy hankasitraka izany eo aminareo Aho. [21]Izay rehetra manolotra fanatim-pihavanana avy amin'ny omby na ny ondry ho an'i Yaveh mba hanatanterahana voady, na fanatitra antsitra-po, dia tsy tokony ho kilemaina izany mba ho ankasitrahana. Aoka tsy hisy biby manan-kilema.
[22]Aoka tsy hanolotra biby jamba, sembana, na kilemaina, na izay misy fahabokana, marary, na ferena ianareo. Aoka tsy hanolotra ireo amin'i Yaveh ho sorona avy tamin'ny afo eo amin'ny alitara ianareo. [23]Afaka manolotra omby iray na zanak'ondry izay sampona na kely ho fanatitra antsitra-po ianareo, nefa ny fanatitra tahaka izany dia tsy ho ankasitrahana ho an'ny voady.
[24]Aza manolotra biby izay efa voatorotoro, potipotika, rovidrovitra, na vositra ho an'i Yaveh. Aza manao izany ao amin'ny taninareo. [25]Aoka ianareo tsy hanolotra ny mofon'ny Andriamanitrareo avy amin'ny tanan'ny vahiny. Ireo biby ireo dia sampona ary manan-kilema, tsy ho ankasitrahana ho anareo ireo."'
[26]Niresaka tamin'i Mosesy Yaveh ary nanao hoe: [27]"'Rehefa teraka ny omby na ny ondry na ny osy, dia tsy maintsy mijanona hafitoana miaraka amin'ny reniny izany. Ary manomboka amin'ny andro fahavalo, dia azo ankasitrahana ho fanatitra natao amin'ny afo ho an'i Yaveh izany.
[28]Aza mamono omby vavy na ondry vavy miaraka amin'ny zanany, ao anatin'ny iray andro. [29]Rehefa manao sorona fanati-pisaorana ho an'i Yaveh ianareo, dia aoka hanao sorona izany amin'ny fomba azo ekena. [30]Aoka hohanina amin'ny andro izay nanaovana sorona azy izany. Aoka tsy hisy avelanareo ho tra-maraina izany. Izaho no Yaveh.
[31]Koa aoka hitandrina ny didiko sy hanatanteraka ireo ianareo. Izaho no Yaveh. [32]Aoka tsy hanamavo ny Anarako masina ianareo. Aoka ho ekena ho masina amin'ny alalan'ny zanak'Israely Aho. Izaho no Yaveh izay nanamasina anareo, [33]izay nitondra anareo nivoaka avy tany Egypta mba ho Andriamanitrareo: Izaho no Yaveh."

23 [1]Yaveh niteny tamin'i Mosesy hoe: [2]"'Miresaha amin'ny vahoakan'Israely, ary milazà amin'izy ireo hoe: 'Ireto avy ireo firavoravoana voatendry ho an'i Yaveh, izay tsy maintsy ambaranareo ho fiombonana masina; ireo no firavoravoako mahazatra.
[3]Afaka miasa mandritra ny enina andro ianareo, fa ny andro fahafito dia Sabata fitsaharana tanteraka, fiombonana masina. Aoka ianareo tsy hiasa satria Sabata ho an'i Yaveh amin'ny toerana rehetra izay honenanareo izany.
[4]Ireto avy ireo firavoravoana voatendrin'i Yaveh, dia ireo fiombonana masina izay tsy maintsy lazainareo amin'ny fotoany voatondro: [5]Amin'ny volana voalohany, amin'ny andro fahaefatry ny volana amin'ny takariva, no Paskan'i Yaveh.
[6]Amin'ny andro faha-dimy ambin'ny folon'io volana io ihany ny Firavoravoan'ny Mofo tsy Misy Masirasira ho an'i Yaveh. Mandritra ny fito andro ianareo dia tsy maintsy mihinana mofo tsy misy masirasira.
[7]Ny andro voalohany dia tsy maintsy atokanareo mba hiangonana miaraka; tsy hanao ireo asa mahazatra anareo ianareo. [8]Hanolotra fanatitra hohanina ho an'i Yaveh ianareo mandritra ny fito andro. Ny andro fahafito dia fiombonana natokana ho an'i Yaveh, ary amin'io andro io ianareo dia aoka tsy hanao ny asa mahazatra."'
[9]Yaveh niteny tamin'i Mosesy, nanao hoe: [10]"'Miresaha amin'ny olon'Israely ary milazà amin'izy ireo hoe: 'Rehefa tonga ao amin'ny tany izy homeko anareo ianareo, ary rehefa mijinja ireo vokatr'izany ianareo, dia tsy maintsy mitondra ny amboaran'ny voaloham-bokatr'izany ho an'ny mpisorona. [11]Hanandratra ny amboara eo anatrehan'i Yaveh izy ary hanolotra izany ho Azy, fa ho ankasitrahana eo aminareo izany. Amin'ny andro aorian'ny Sabata no hanandratan'ny mpisorona izany sy hanolorany izany ho Ahy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Amin'ny andro izay hanandratanareo ny amboara sy hanolorana izany ho Ahy, dia tsy maintsy manolotra zanak'ondry lahy iray herintaona sy tsy misy kilema ho fanatitra dorana ho an'i Yaveh ianareo. [13]Ny fanatitra voa dia tsy maintsy koba manify roa ampahafolon'ny efaha miaro menaka, fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, mba hamoaka hanitra ankasitrahana, ary divay fanatitra sotroina, iray ampahefatry ny hina miaraka amin'izany. [14]Aoka ianareo tsy hihinana mofo, na vary nendasina na tsotra, mandra-pahatongan'ny andro nitondranareo io fanatitra io ho an'ny Andriamanitrareo. Ho lalàna raikitra amin'ny taranak'ireo vahoakanareo, amin'ny toerana rehetra honenanareo izany.
[15]Manomboka amin'ny andro aorian'ny Sabata—izay andro nitondranareo ny amboaran'ny fanatitra ahevaheva—dia manisà fito herinandro feno. [16]Hanisa dimampolo andro, izay ho andro aorian'ny Sabata fahafito ianareo. Avy eo dia tsy maintsy hanolotra fanatitra vary vaovao ho an'i Yaveh.
[17]Tsy maintsy hitondra mofo roa natao tamin'ny roa ampahafolon'ny efaha avy any an-tranonareo ianareo. Aoka ho vita amin'ny koba tsara toto sy mofo misy lalivay ireo; ho fanatitra voaloham-bokatra ahevaheva ho an'i Yaveh ireo. [18]Tsy maintsy atolotrareo miaraka amin'ny mofo ireo zanak'ondry lahy fito herintaona sy tsy misy kilema, vantotr'ombilahy iray, ary ondrilahy roa. Tsy maintsy atao fanatitra dorana ho an'i Yaveh, miaraka amin'ny fanatitra voan'izy ireo sy ny fanatiny sotroina ireo, fanatitra izay natao tamin'ny afo ka mamoaka hanitra ankasitrahana ho an'i Yaveh.
[19]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho an'ny fanatitry ny heloka ianareo, ary zanak'ondrilahy roa herintaona ho an'ny sorona, ho fanati-pihavanana. [20]Ny mpisorona dia tsy maintsy manevaheva ireo miaraka amin'ny mofon'ireo voaloham-bokatra eo anatrehan'i Yaveh, ary manolotra azy ireo ho Azy mba ho fanatitra miaraka amin'ireo zanak'ondry roa. Amin'ireo mpisorona, ireo fanatitra masina ho an'i Yaveh. [21]Amin'io andro io ihany ianareo dia tsy maintsy manao fanambarana. Hisy ny fiombonana masina, ka tsy hanao ny asa mahazatra ianareo. Ho lalàna raikitra amin'ny taranak'ireo vahoakanareo amin'ny toerana rehetra honenanareo izany.
[22]Rehefa mijinja ny vokatry ny taninareo ianareo, dia tsy tokony hijinja tanteraka ireo zoron'ireo sahanareo, ary tsy tokony hanangona izay latsaka amin'ny vokatrareo. Aoka havelanareo ho an'ny mahantra sy ho an'ny vahiny ireo. Izaho no Yaveh Andriamanitrareo."'
[23]Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: [24]"'Miresaha amin'ny vahoakan'Israely ary mitenena hoe: 'Amin'ny volana fahafito, ny andro voalohan'izany volana izany dia ho fitsaharana manetriketrika ho anareo, fahatsiarovana miaraka amin'ny fitsofana trompetra, ary fiombonana masina. [25]Aoka ianareo tsy hanao ny asa mahazatra, ary aoka ianareo hanolotra sorona natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.'"
[26]Dia niresaka tamin'i Mosesy Yaveh, nanao hoe: [27]"Ary amin'ny andro fahafolon'izany volana fahafito izany no Andron'ny Fanavotana. Ho fiombonana masina izany, ary ianareo dia tsy maintsy manetry ny tenanareo ary manolotra fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.
[28]Aoka ianareo tsy hiasa amin'io andro io satria Andron'ny Fanavotana izany, mba ho fanavotana ho an'ny tenanareo eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrareo. [29]Izay rehetra tsy manetry ny tenany amin'io andro io dia tsy maintsy alàna avy eo amin'ny olony.
[30]Na iza na iza miasa amin'io andro io, Izaho, Yaveh, dia handrava azy eo amin'ireo olony. [31]Aoka ianareo tsy hanao asa amin'io andro io na inona na inona izany. Ho lalàna raikitra amin'ny taranak'ireo vahoakanareo amin'ny toerana rehetra honenanareo izany. [32]Izany andro izany dia tsy maintsy ho Sabata fitsaharana manetriketrika ho anareo, ary ianareo dia tsy maintsy manetry ny tenanareo amin'ny andro fahasivin'ny volana amin'ny hariva. Manomboka amin'ny hariva ka hatramin'ny hariva ianareo dia hankalaza ny Sabatanareo."
[33]Yaveh niresaka tamin'i Mosesy, nanao hoe: [34]"Miresaha amin'ny olon'Israely, manao hoe: 'Amin'ny andro fahadimy ambin'ny folon'ny volana fahafito no ho Firavoravoan'ny Fialofana ho an'i Yaveh. Haharitra fito andro izany.
[35]Amin'ny andro voalohany dia tsy maintsy hisy fiombonana masina. Aoka ianareo tsy hanao ny asa mahazatra.
[36]Mandritra ireo fito andro ianareo dia tsy maintsy manolotra sorona natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. Amin'ny andro fahavalo dia tsy maintsy hisy fiombonana masina, ary tsy maintsy manao sorona amin'ny afo atolotra ho an'i Yaveh ianareo. Fiombonana manetriketrika izany, ary ianareo dia aoka tsy hanao ny asa mahazatra.
[37]Ireo no firavoravoana voatendry ho an'i Yaveh, izay tsy maintsy ambaranareo ho fiombonana masina mba hanolorana sorona natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh, fanatitra dorana sy fanatitra vary, sorona sy fanatitra sotroina, ny tsirairay samy amin'ny androny avy. [38]Ireo firavoravoana ireo dia hiampy ireo Sabatan'i Yaveh sy ireo fanomezanareo, ireo voadinareo rehetra, ary ireo fanatitrareo an-tsitrapo izay homenareo an'i Yaveh.
[39]Momba ny Firavoravoan'ny Fialofana, amin'ny andro fahadimy ambin'ny folon'ny volana fahafito, rehefa voaangonareo ireo vokatry ny tany, dia tsy maintsy tandremanareo io firavoravoan'i Yaveh mandritra ny fito andro io. Ny andro voalohany dia ho fitsaharana manetriketrika, ary ny andro fahavalo ihany koa dia ho fitsaharana manetriketrika.
[40]Amin'ny andro voalohany ianareo dia tsy maintsy maka ny vokatra tsara indrindra avy amin'ireo hazo ianareo, sampan'ny hazo rofia, sy sampana be ravina ao amin'ny ala mikitroka, ary hazo malahelo eny amin'ireo loharano, ary hifaly eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrareo mandritra ny fito andro ianareo. [41]Mandritra ireo fito andro isan-taona, dia tsy maintsy mankalaza io firavoravoan'i Yaveh io ianareo. Ho lalàna raikitra amin'ny taranak'ireo vahoakanareo amin'ny toerana rehetra honenanareo izany. Tsy maintsy hankalaza io firavoravoana io ianareo amin'ny volana fahafito.
[42]Aoka ianareo honina amin'ny fialofana kely mandritra ny fito andro. Ireo Israelita tera-tany rehetra dia tsy maintsy honina amin'ny fialofana kely mandritra ny fito andro, [43]mba ho afaka hianatra ny fomba namponenako ny olon'Israely tamin'ny fialofana tahaka izany rehefa notarihiko niala ny tany Egypta ireo taranakareo, ny taranaka mifandimby. Izaho

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

no Yaveh Andriamanitrareo.'" [44]Tamin'izany fomba izany, no nanambaran'i Mosesy tamin'ny olon'Israely ireo firavoravoana voatendry ho an'i Yaveh.

24 [1]Niteny tamin'i Mosesy i Yaveh, nanao hoe: [2]"Baikoy ny olon'Israely mba hitondra diloilo tsy mifangaro vita tamin'ny oliva ho anao mba ampiasaina amin'ny fanilo, mba hirehitra mandrakariva ny jiro.
[3]Arona dia tsy maintsy mamela ny jiro hirehitra foana ao ivelan'ny lamba fanakonana eo anatrehan'ny didim-panekena ao amin'ny tranoy-lay fihaonana, manomboka ny hariva mandra-parain'ny andro. Ho lalàna maharitra hatramin'ny taranak'ireo vahoakanareo izany. [4]Ny mpisoronabe dia tsy maintsy mitandrina ny jiro hirehitra foana eo anatrehan'i Yaveh, ireo jiro eo amin'ny fitoeran-jiro volamena tsy misy fangarony.
[5]Aoka ianao haka koba manify ary hanendy mofo roa ambin'ny folo amin'izany. Tsy maintsy misy roa ampahafolon'ny efaha isaky ny mofo. [6]Avy eo ianao dia hizara izany ho andalana roa, enina amin'ny andalana iray, eo ambonin'ny latabatra vita tamin'ny volamena tsy mifangaro.
[7]Aoka ianao hametraka ditin-kazo manitra madio isak'ireo andalana mofo ho fanati-pahatsiarovana. Io ditin-kazo manitra io dia ho dorana ho an'i Yaveh. [8]Isaky ny Sabata ny mpisorona avo dia tsy maintsy mametraka mandrakariva ny mofo eo anatrehan'i Yaveh ho an'ny olon'Israely, mba ho famantarana ny fanekena tsy manam-pahataperana. [9]Io fanatitra io dia ho an'i Arona sy ireo zanany lahy, ary hohanin'izy ireo eo amin'ny toerana izay masina izany, satria ampahany avy tamin'ireo fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh izany."
[10]Ary nisy zanaka vehivavy Israelita iray, izay Egyptiana no rainy, nandeha teo amin'ny vahoakan'Israely. Io zanakalahin'ilay vehivavy Israelita io dia niady tamin'ny Israelita iray tao amin'ny toby. [11]Niteny ratsy ny anaran'i Yaveh sy nanozona an'Andriamanitra io zanaka lahin'ilay vehivavy Israelita io, ka nentin'ny vahoaka teo amin'i Mosesy izy. Sebomita no anaran'ilay reniny, zanaka vavin'i Dibry, avy amin'ny fokon'i Dana. [12]Notazonin'izy ireo tao am-ponja izy mandra-panambaran'i Yaveh Izy tenany ny sitrapony amin'izy ireo.
[13]Dia niteny tamin'i Mosesy Yaveh, nanao hoe: [14]"Alaivo ilay lehilahy izay nanozona an'Andriamanitra tao ivelan'ny toby. Izay rehetra mandre azy dia tsy maintsy mametraka ny tanan'izy ireo eo amin'ny lohany, ary aoka ny fiangonana iray manontolo hitora-bato azy.
[15]Aoka ianao hanazava amin'ny olon'Israely ary hiteny hoe: "Izay rehetra manozona ny Andriamaniny dia tsy maintsy mizaka ny helony. [16]Izy izay miteny ratsy ny anaran'i Yaveh dia tsy maintsy ho vonoina tokoa. Tsy maintsy hitora-bato azy tokoa ny fiangonana manontolo, na vahiny izy na tera-tany Israelita. Raha misy olona miteny ratsy ny anaran'i Yaveh, dia tsy maintsy vonoina izy.
[17]Raha misy olona mamono olona hafa, dia azo antoka fa tsy maintsy ho vonoina izy. [18]Raha misy olona mamono ny bibin'ny olona iray hafa, dia tsy maintsy manonitra izany izy, aina solon'ny aina.
[19]Raha misy olona mandratra ny mpiara-monina aminy, dia tsy maintsy atao aminy izay nataony tamin'ny mpiara-monina aminy: [20]Fahatapahana solon'ny fahatapahana, maso solon'ny maso, nify solon'ny nify. Satria nandratra olona izy, dia tsy maintsy atao aminy koa izany. [21]Izay rehetra mamono biby iray dia tsy maintsy manonitra izany, ary izay rehetra mamono olona dia tsy maintsy vonoina.
[22]Aoka ianao hanana lalàna mitovy ho an'ny vahiny sy ny tera-tany Israelita, fa Izaho no Yaveh Andriamanitrao.'" [23]Koa niresaka tamin'ny olon'Israely i Mosesy, ary nentin'ny olona nivoaka tao ivelan'ny toby ilay lehilahy, ilay nanozona an'i Yaveh. Notorahin'izy ireo tamin'ny vato izy. Ireo vahoakan'Israely dia nanao arak'izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.

25 [1]Niteny tamin'i Mosesy teny an-tendrombohitr'i Sinay Yaveh, nanao hoe: [2]"Mitenena amin'ny vahoakan'Israely ary lazao amin'izy ireo hoe: 'Rehefa mankany amin'ny tany izay omeko anareo ianareo, dia aoka mba hitandrina ny Sabata ho an'i Yaveh ny tany.
[3]Aoka ianao hamboly eo amin'ny ny sahanao mandritra ny enin-taona, ary mandritra ny enin-taona dia aoka ianao handrantsana ny tanim-boalobokao ary hanangona ny vokatra. [4]Fa amin'ny taona fahafito, dia aoka ho tandrovina ny andro Sabatan'ny fitsaharana manetriketrika ho an'ny tany, Sabata ho an'i Yaveh. Aoka ianao tsy hamboly eny amin'ny sahanao na handrantsana ny tanim-boalobokao.
[5]Aoka ianao tsy hanao fijinjana voarindra amin'ny zava-drehetra maniry ho azy, ary aoka ianao tsy hanao fijinjana voarindra amin'ny voaloboka rehetra izay mitombo eo amin'ny voalobokao izay tsy voarantsana. Ho taom-pitsaharana manetriketrika ho an'ny tany izany. [6]Izay maniry eo amin'ny tany tsy niasàna mandritra ny taonan'ny Sabata no ho sakafonao. Ianao, ireo mpanomponao lahy sy vavy, ireo mpanompo karamainao ary ireo vahiny izay monina miaraka aminao no aoka hanangona hanina, [7]ary ny biby fiompinao sy ireo bibi-dia no aoka hihinana izay rehetra vokarin'ny tany.
[8]Aoka ianao hanisa Sabata fito amin'ny taona, izany hoe, im-pito isaky ny fito taona, mba hisy Sabata fito ny taona, sivy amby efapolo taona ny fitambarany. [9]Dia aoka ianao hitsoka anjomara mafy na aiza na aiza amin'ny andro fahafolon'ny volana fahafito. Amin'ny Andron'ny Fanavotana dia aoka ianao hitsoka anjomara manerana ny taninao rehetra.
[10]Aoka ianao hanokana ny taona fahadimampolo ho an'i Yaveh ary hanambara ny fahafana manerana ny tany amin'ny mponiny rehetra. Ho Jobily ho anao izany, izay tsy maintsy hamerenana ireo fananana sy ireo andevo any amin'ireo fianakaviany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Ho Jobily ho anao ny fahadimam-polo taona. Aoka ianao tsy hamboly na hitondra fijinjana voalamina. Mihinàna izay rehetra maniry ho azy, ary angony ireo voaloboka izay mitombo eo amin'ny tanim-boaloboka tsy voarantsana. [12]Fa Jobily, izay ho masina ho anao izany. Aoka ianao hihinana ny vokatra izay maniry ho azy ivelan'ireo saha.
[13]Aoka hamerina ny tsirairay any amin'ny zara-taniny ihany ianao amin'izany taonan'ny Jobily izany. [14]Raha mivarotra tany amin'ny namanao ianao na mividy tany avy amin'ny namanao, dia aoka ianareo tsy hifamitaka na hifanao ratsy.
[15]Raha mividy tany amin'ny namanao ianao, hevero ny isan'ny taona sy ny vokatra izay azo jinjaina madra-pahatongan'ny Jobily manaraka. Aoka ihany koa ny namanao mivarotra ilay tany hihevitra izany. [16]Ny hamaron'ny isan'ny taona mandra-pahatongan'ny Jobily manaraka no hampitombo ny lanjan'ny tany, ary ny havitsian'ny isan'ny taona mandra-pahatongan'ny Jobily manaraka no hampihena ny lanja. Satria ny isan'ny vokatra ho vokarin'ny tany ho an'ny tompony vaovao dia mifandraika amin'ny isan'ny taona mialohan'ny Jobily manaraka. [17]Aoka ianareo tsy hifamitaka na hifanao ratsy; fa kosa; aoka ianao hanome voninahitra an'Andriamanitrao, fa Izaho no Yaveh Andriamanitrao.
[18]Noho izany dia aoka ianao hankatò ireo didiko, hitandrina ireo lalàko, ary hanatanteraka azy ireo. Dia honina ao amin'ny tany am-pilaminana ianao. [19]Hanome ny vokany ny tany, ary hihinana ianao ka ho voky ary honina any am-pilaminana ao.
[20]Mety hiteny ianao hoe: "Inona no hohaninay mandritra ilay taona fahafito? Indro, tsy afaka mamboly na manangona ny vokatray izahay." [21]Handidy ny fitahiako Aho mba ho tonga aminareo amin'ny taona fahaenina, ary hamokatra vokatra ampy mandritry ny telo taona izany. [22]Hamboly ianao amin'ny taona fahavalo ary hanohy hihinana avy amin'ny vokatry ny taona teo aloha sy ny hanina voatahiry. Ambara-pahatongan'ny fijinjana amin'ny taona fahasivy, dia afaka hihinana avy amin'ny vatsy voatahiry tamin'ny taona teo aloha ianao.
[23]Aoka tsy hamidy amin'ny tompo vaovao ny tany, satria Ahy ny tany. Vahiny avokoa ianareo ary mponina mandalo eo amin'ny taniko. [24]Aoka ianao handinika ny zon'ny fanavotana ho an'ny tany rehetra izay azonao; aoka ianao hamela ny tany hiverina hovidian'ny fianakaviana izay nividiananao izany. [25]Raha tonga mahantra ny Israelita namanao ary noho izany antony izany no nivarotany ny sasany amin'ny fananany, dia mety ho avy ny havany akaiky indrindra ary hividy ny fananana izay namidiny taminao.
[26]Raha tsy manan-kavana mba hanavotra ny fananany ny lehilahy iray, kanefa raha ambinina izy ary manana fahafahana hanavotra izany, [27]dia hikajy ny taona hatramin'ny nivarotana ny tany sy nanonerana indray ny fandanjana tamin'ilay olona izay nivarotany izany izy. Dia hiverina any amin'ny fananany ihany izy. [28]Fa raha toa ka tsy afaka mampiverina ny tany ho azy ihany izy, dia hijanona ho fananan'ilay nividy izany hatramin'ny taonan'ny Jobily ny tany. Amin'ny taonan'ny Jobily, dia haverina amin'ny lehilahy izay nivarotra izany ny tany, ary ny tena tompony hiverina amin'ny fananany.
[29]Raha mivarotra trano any amin'ny tanàna mimanda ny lehilahy iray, dia mety hividy izany indray anatin'ny taona iray manontolo izy aorian'ny nahalafo izany. Fa mandritra ny taona iray manontolo dia hanana ny zon'ny fanavotana izy.
[30]Raha tsy avotra anatin'ny taona iray manontolo ny trano, dia ho fananana mandrakizay ho an'ny olona izay nividy izany ny trano ao amin'ny tanàna mimanda, ka hatramin'ny taranany fara mandimby. Dia tsy ho hiverina izany trano izany amin'ny taonan'ny Jobily.
[31]Fa ireo tranon'ireo vohitra izay tsy misy manda manodidina azy ireo dia heverina ho toy ny sahan'ny tany. Havotana izy ireo, ary tsy maintsy haverina mandritra ny taonan'ny Jobily. [32]Na izany aza, ny tranon'ireo Levita ao an-tanànan'izy ireo dia ho avotra amin'ny fotoana rehetra.
[33]Raha tsy manavotra ny trano izay namidiny ny iray amin'ireo Levita, dia tsy maintsy haverina amin'ny taonan'ny Jobily ny trano izay namidiny tao an-tanàna nisy azy, fa fananan'izy ireo amin'ny vahoakan'Israely ireo tranon'ny tanànan'ny Levita. [34]Fa ireo saha manodidina ny tanànany dia tsy azo amidy satria fananana raikitr'ireo Levita izany.
[35]Raha lasa mahantra ny mpiray tanindrazana aminao, ka tsy afaka mamokatra ho azy intsony izy, dia aoka ianao hanampy azy tahaka ny hanampianao vahiny na olona iray izay monina tahaka ny mpivahiny eo aminao. [36]Aza maka tombony aminy na manandrana manararaotra azy amin'ny fomba rehetra, fa manomeza voninahitra ny Andriamanitrao mba ho afaka hiaina miaraka aminao ireo rahalahinao. [37]Aza mampindram-bola azy ary maka zana-bola aminy, na mivarotra aminy ny haninao mba hahazoana tombony. [38]Izaho no Yaveh Andriamanitrao, izay nitondra anao nivoaka ny tany Egypta, mba hahafahako manome anao ny tany Kanana, ary hahatonga Ahy ho Andriamanitrao.
[39]Raha lasa mahantra ny mpiray tanindrazana aminao ary mivarotra ny tenany aminao, aoka ianao tsy hampiasa azy tahaka ny andevo. [40]Ataovy tahaka ny mpanompo karamaina izy. Aoka izy ho toy ny olona izay miaina miaraka aminao amin'ny fotoana voafetra. Hanompo hiaraka aminao hatramin'ny taonan'ny Jobily izy. [41]Avy eo dia hiala aminao izy, izy sy ireo zanany miaraka aminy, ary hiverina any amin'ny fianakaviany sy ny fananan-drainy izy.
[42]Fa mpanompoko izay nentiko nivoaka ny tany Egypta izy ireo. Tsy hamidy tahaka ireo andevo izy ireo. [43]Aoka ianao tsy hitondra azy ireo amin-karatsiana, fa aoka ianao hanome voninahitra ny Andriamanitrao. [44]Raha ny amin'ireo andevo lahy sy vavy, izay azonao alaina avy amin'ireo firenena izay monina manodidina anao, dia afaka hividy andevo avy amin'izy ireo ianao.
[45]Afaka mividy andevo avy amin'ireo vahiny izay monina eo aminao ihany koa ianao, dia izay avy amin'ireo fianakaviana izay miaraka aminao, ankizy izay teraka tao amin'ny taninao. Ho tonga fanananao izy ireo. [46]Hamokatra andevo tahaka izany ho lova ho an'ireo zanakao aoriana, mba hazonina ho fananana ianao. Avy amin'izy ireo mandrakariva no hividiananao ireo andevonao, fa aoka ianao tsy hitondra an-kery ireo rahalahinao amin'ireo vahoakan'Israely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[47]Raha tonga mpanan-karena ny vahiny na ny olona izay miaina miaraka aminao amin'ny fotoana voafetra, ary raha lasa mahantra ny iray amin'ny Israelita namanao ka mamarotra ny tenany amin'izany vahiny izany, na amin'ny olona ao amin'ny fianakavian'ny vahiny, [48]rehefa voavidy ny Israelita namanao, dia afaka vidiana indray izy. Hanavotra azy ny iray ao amin'ny fianakaviany.
[49]Mety ho rahalahin-drain'ilay olona, na zana-drahalahin-drainy, no manavotra azy, na olona izay havany akaiky avy amin'ny fianakaviany. Na, raha tonga mpanan-karena izy, dia afaka hanavotra ny tenany. [50]Aoka izy hifanaraka amin'ny olona izay nividy azy; aoka izy ireo hanisa ny taona manomboka ny taona nahalafo azy tamin'ny mpividy azy ka hatramin'ny taonan'ny Jobily. Aoka ny vidin'ny fanavotana azy ho etritreretina miaraka amin'ny taham-bidin'ny mpanompo nokaramaina, ho an'ny isan'ny taona hanoizany miasa ho an'ilay nividy azy.
[51]Raha mbola misy taona maro mandra-pahatongan'ny taonan'ny Jobily, aoka izy hiverina handoa sandam-bola tahaka ny vidin'ny fanavotana izay mifandanja amin'ny isan'ireo taona. [52]Raha toa ka taona vitsy monja sisa mandra-pahatongan'ny taonan'ny Jobily, dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny mpividy azy izy mba hahitana ny isan'ny taona sisa ambiny mialohan'ny taonan'ny Jobily, ary aoka izy hanefa ho an'ny fanavotany mifanaraka amin'ny isan'ny taona.
[53]Hatao tahaka ny lehilahy nokaramaina isan-taona izy. Aoka ho azonao antoka fa tsy hitondra azy amin- kery tokoa ianao. [54]Raha tsy avotra amin'izany izy, dia aoka izy hanompo hatramin'ny taonan'ny Jobily, izy sy ireo zanany miaraka aminy. [55]Amiko dia mpanompo ny vahoakan'Israely. Mpanompoko izay nentiko nivoaka ny tany Egypta izy ireo. Izaho no Yaveh Andriamanitrao."'

26 [1]"Aoka ianareo tsy hanao ireo sampy, na hanangana sarin-javatra voasokitra na tsangam-bato masina, ary aoka ianareo tsy hametraka sary vato voasokitra ao amin'ny taninareo izay hiankohofanareo, fa Izaho no Yaveh Andriamanitrareo. [2]Aoka hitandrina ireo Sabatako sy hanome voninahitra ny fitoerako masina ianareo. Izaho no Yaveh.
[3]Raha manaraka ireo lalàko sy mitandrina ireo didiko ary mankato izany ianareo, [4]dia hanome orana anareo amin'ny vanim-potoany Aho; hanome ny vokany ny tany, ary ireo hazon'ny saha hamokatra ireo voany.
[5]Ary ny fivelesam-bary dia hitohy amin'ny fotoan'ny fiotazam-boaloboka, ary hihitatra hatramin'ny fotoam-pambolena ny voka-boaloboka. Hihinana ny mofonareo mandra-pahavoky ianareo ary hiaina am-pilaminana any amin'izay nataonareo fonenana ao amin'ny tany. [6]Hanome fiadanana ao amin'ny tany Aho; handry miaraka amin'ny zavatra tsy hampahotra anareo ianareo. Hamongotra ireo biby mandoza amin'ny tany Aho, ary tsy handalo amin'ny taninareo ny sabatra.
[7]Hanenjika ireo fahavalonareo ianareo, ka ho lavo eo anoloanareo amin'ny alalan'ny sabatra izy ireo. [8]Dimy aminareo hanenjika zato, ary zato aminareo hanenjika iray alina; ho lavo eo anoloanareo amin'ny alalan'ny sabatra ireo fahavalonareo.
[9]Hijery anareo amim-pankasitrahana Aho ary hampamokatra sy hampitombo isa anareo; hametraka ny fanekeko aminareo Aho. [10]Hihinana ireo hanina voatahiry amin'ny fotoana maharitra ianareo. Tsy maintsy hamoaka ireo sakafo voatahiry ianareo satria hilainareo ho an'ny vokatra vaovao ny efitra.
[11]Hametraka ny tabernakeliko eo aminareo Aho, ary tsy hankahala anareo Aho. [12]Handeha eo aminareo Aho ary ho Andriamanitrareo, ary ianareo ho oloko. [13]Izaho no Yaveh Andriamanitrareo izay nitondra anareo nivoaka ny tany Egypta, mba tsy ho andevon'izy ireo ianareo, nanapaka ny hidin'ny zioganareo Aho ary nampandeha anareo mahitsy.
[14]Fa raha tsy hihaino Ahy ianareo, ary tsy hankato ireo didiko rehetra, [15]ary raha mandà ireo didiko sy mankahala ireo lalàko, ary tsy mankato ireo didiko rehetra ianareo, fa hivadihanareo ny fanekeko—
[16]—raha manao ireo zavatra ireo ianareo, dia hanao izao aminareo Aho: Hampisy horohoro aminareo Aho, aretina sy tazo izay hanimba ny maso sy hanimba ny ainareo. Hamboly ireo voa ho zava-poana ianareo, satria ireo fahavalonareo no hihinana ny vokany. [17]Hanandrina ny tavako hanohitra anareo Aho, ary hanjakan'ireo fahavalonareo tanteraka ianareo. Hanapaka anao ireo lehilahy izay mankahala anao, dia handositra ianao, na dia tsy misy na iray aza manenjika anao.
[18]Raha tsy mihaino ireo didiko ianareo, dia hanafay am-pahasiahana anareo im-pito nohon'ny fahotanareo Aho.
[19]Handrava ny avonavonareo anatin'ny herinareo Aho. Hanao ny lanitra eo amboninareo ho toy ny vy Aho ary ny taninareo tahaka ny varahina. [20]Hampiasaina amin'ny zava-poana ny tanjakareo, satria tsy hamokatra ny vokany ny taninareo, ary ireo hazo ao amin'ny tany dia tsy hamokatra ireo voany.
[21]Raha mandeha manohitra Ahy ianareo ary tsy hihaino Ahy, hitondra famelezena im-pito avo heny eo aminareo Aho, araka ny fahotanareo. [22]Handefa ireo biby mandoza hanohitra anareo Aho, izay hangalatra ireo zanakareo, handrava ny biby fiompinareo, ary hahavitsy isa anareo. Ka ho tonga ngazana ny lalanareo.
[23]Na dia eo aza izany zavatra izany ka mbola tsy manaiky ny fanitsiako ihany ianareo ary mandeha manohitra Ahy hatrany, [24]dia handeha hanohitra anareo ihany koa Aho, dia Izaho mihitsy no hanafay anareo im-pito noho ireo fahotanareo.
[25]Hitondra sabatra eo aminareo Aho izay hanatanteraka ny famaliana nohon'ny fivadihana tamin'ny fanekeko. Hangonina miaraka ao an-tanànareo ianareo, dia handefa aretina eo aminareo any Aho, dia hatolotra ho eo an-tanan'ireo fahavalonareo ianareo. [26]Rehefa hotapahiko ny sakafo vatsinareo, dia vehivavy folo dia hahavita hanendy ny mofonareo anaty lafaoro iray, dia hizara ny mofonareo ara-danja izy ireo. Hihinana ianareo fa tsy ho afa-po.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[27]Raha tsy mihaino Ahy ianareo na dia eo aza ireny zavatra ireny, fa mbola mandeha manohitra Ahy hatrany, [28]dia handeha hanohitra anareo amim-pahatezerana hatrany Aho, ary hanafay anareo im-pito avo heny mihoatra nohon'ny fahotanareo.
[29]Hihinana ny nofon'ireo zanakareo lahy ianareo; hihinana ny nofon'ireo zanakareo vavy ianareo. [30]Handrava ireo fitoeranareo avo Aho, hanapaka ireo alitaran'ny ditin-kazo manitra, ary hanary ny fatinareo eo ambonin'ny fatin'ireo sampinareo, dia Izaho mihitsy no hankahala anareo.
[31]Hamadika ireo tanànanareo ho faharavana Aho ary handrava ireo fitoeranareo masina. Tsy ho faly amin'ny hanitrin'ireo fanatitrareo Aho. [32]Handrava ny taninareo Aho. Ireo fahavalonareo izay honina any dia ho talanjona amin'ny faharavana. [33]Hampiely anareo manerana ireo firenena Aho, ary hanatsoaka ny sabatro sy hanaraka anareo Aho. Hilaozana ny taninareo, ary ho ravana ireo tanànanareo.
[34]Dia hitia ny Sabatany ny tany mandritra ny handriany ho lao ary ho ao amin'ny tanin'ny fahavalonareo ianareo. Mandritr'izany fotoana izany, hitsahatra ny tany ka hitia ireo Sabatany. [35]Raha mbola handry ho lao izany, dia hanana fitsaharana, izay ho fitsaharana tsy azony tamin'ny Sabatanareo, rehefa nonina tao ianareo. [36]Ary ny amin'ny sasany aminareo izay navela any amin'ny tanin'ireo fahavalonareo, dia handefa tahotra amin'ny fonareo Aho ka na dia ravina voatsokan'ny rivotra aza dia hanaitra anareo, dia handositra tahaka ny hoe nitsoaka amin'ny sabatra ianareo. Hianjera ianao, na dia tsy misy na iza na iza manenjika aza.
[37]Ho tafintohina eo amin'ny tsirairay tahaka ny hoe mandosi-tsabatra ianareo, na dia tsy misy na iza na iza aza manenjika anareo. Tsy hanana hery hitsanganana manoloana ireo fahavalonareo ianareo. [38]Ho faty any amin'ireo firenena ianareo, ary handrapaka anareo ireo tanin'ny fahavalonareo. [39]Ireo izay sisa tavela aminareo dia ho very ao anatin'ny fahotan'izy ireo, ao amin'ny tanin'ireo fahavalonareo, ary noho ireo heloky ny razamben'izy ireo dia hihaosa izy ireo.
[40]Fa raha miaiky ireo fahotany sy ny fahotan'ireo razambeny izy ireo, sy ireo famadihana izay tsy nahatokisana tamiko, ary koa ny fandehanana manohitra Ahy— [41]izay nahatonga Ahy hivadika amin'izy ireo ary nitondrako azy ireo tany amin'ny tanin'ireo fahavalony— raha mietry ny fo tsy voaforan'izy ire, ary raha manaiky ny famaizako ho an'ireo fahotany izy ireo, [42]dia hotsaroiko ny fanekeko niaraka tamin'i Jakoba, ny fanekeko niaraka tamin'i Isaka, ary ny fanekeko niaraka tamin'i Abrahama; hotsaroiko ihany koa ny tany.
[43]Hilaozan'izy ireo ny tany, ka ho faly miaraka amin'ny Sabatany izany mandritra ny handriany ho lao tsy misy azy ireo. Ka tsy maintsy hanonitra ho an'ireo otany izy ireo satria izy ireo mihitsy no nandà ireo fitsipiko sy nankahala ireo lalàko.
[44]Fa na dia eo aza izany rehetra izany, rehefa any an-tanin'ireo fahavalony izy ireo, dia tsy hanary azy ireo Aho, na hankahala azy ka handrava tanteraka azy ireo sy hanafoana ny fanekeko niaraka tamin'izy ireo, fa Izaho no Yaveh Andriamanitr'izy ireo. [45]Fa hotsaroiko ho azy ireo ny fanekena niaraka tamin'ireo razambeny, izay nentiko nivoaka ny tany Egypta teo imason'ireo firenena, mba ho Andriamanitr'izy ireo Aho. Izaho no Yaveh."
[46]Ireo no didy, fitsipika, ary lalàna izay nataon'i Yaveh teo Aminy sy ny vahoakan'Israely tany an-tendrombohitr'i Sinay tamin'ny alalan'i Mosesy.

27 [1]Niteny tamin'i Mosesy Yaveh ka nanao hoe: [2]"Mitenena amin'ny vahoakan'Israely ka lazao izy ireo hoe: 'Raha misy olona manao voady miavaka amin'i Yaveh, dia ampiasao ireo tombam-bidy mifanaraka aminy.
[3]Ny fenitry ny tombanao ho an'ny lahy manomboka amin'ny roapolo ka hatramin'ny enimpolo taona dia tsy maintsy sekely volafotsy dimapolo, araka ny sekelin'ny fitoerana masina.[4]Ho an'ny vavy amin'izany taona izany ihany dia sekely telopolo ny fenitry ny tombanao.
[5]Ny fenitry ny tombanao amin'ny dimy hatramin'ny roapolo taona dia tsy maintsy sekely roapolo, ary ho an'ny vavy dia sekely folo. [6]Ny fenitry ny tombanao ho an'ny lahy iray volana hatramin'ny dimy taona dia tsy maintsy sekely volafotsy dimy, ary sekely volafotsy telo ho an'ny vavy.
[7]Ny fenitry ny tombanao ho an'ny lahy enimpolo taona no miakatra dia tsy maintsy sekely dimy ambin'ny folo, ary ho an'ny vavy dia sekely folo. [8]Nefa raha tsy afaka ny handoa ny fenitry ny tombana ilay olona manao ny voady, dia tsy maintsy aseho any amin'ny mpisorona ilay olona atolotra, ary hanombana izany olona izany amin'ny vidiny zakan'ilay manao ny voady ny mpisorona.
[9]Raha misy olona maniry hanao sorona biby ho an'i Yaveh, ka raha eken'i Yaveh izany, dia ho voatokana ho Azy izany biby izany.[10]Aoka ilay olona tsy hanova na hamadika biby toy izany, ny tsara ho amin'ny ratsy na ny ratsy ho amin'ny tsara. Raha mampifamadika biby iray ho amin'ny iray hafa izy, dia samy tonga masina na izany na ny iray izay nampifamadihana taminy.
[11]Kanefa, raha toa ka maloto ilay nanaovan'ilay olona voady homena an'i Yaveh, mba tsy haneken'i Yaveh izany, dia tsy maintsy hitondra ilay biby any amin'ny mpisorona ilay olona.[12]Hanombana izany ny mpisorona, araka ny tombana ivarotana ny biby. Na inona na inona tombana apetraky ny mpisorona amin'ilay biby, dia izany no ho tombany. [13]Raha maniry ny hanavotra izany ny tompony, dia manampy avo dimy henin'ny tombam-bidiny ao amin'ny vidim-panavotan'izany.
[14]Rehefa manokana ny tranony ho fanomezana masina ho an'i Yaveh ny lehilahy iray, dia hanombana izany ny mpisorona na ho tsara na ho ratsy. Na inona na inona anombanan'ny mpisorona izany, dia izany no ho izy. [15]Nefa raha maniry

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hanavotra izany ny tompony izay nanokana ny fonenany, dia tsy maintsy manampy iray ampahadimin'ny tombam-bidiny ao amin'ny vidim-panavotan'izany izy, ka ho azy izany.
[16]Raha manokana ny sasany amin'ny taniny ihany ny lehilahy iray, dia ho arakaraka ny lanjan'ny voa ilaina volena amin'izany no ho tombam-bidiny_vary hordea iray homera ho tombanana sekely volafotsy dimapolo.
[17]Raha toa ka manokana ny sahany mandritra ny taon-jobily izy, dia hijanona amin'izany ihany ny tombam-bidiny.
[18]Kanefa raha manokana ny sahany aorian'ny taon-jobily kosa izy, dia aoka hokajian'ny mpisorona ny tomban'ny saha araka ny isan'ny taona sisa mandra-pahatongan'ny taon-jobily manaraka, ary tsy maintsy hahena ny tombam-bidin'izany.
[19]Raha maniry hanavotra ny saha ilay lehilahy izay nanokana izany, dia tsy maintsy manampy iray ampahadimin'ny tombam-bidiny izy, ka ho azy izany. [20]Raha tsy hanavotra ny saha kosa izy, na efa novarotany tamin'olon-kafa ilay saha, dia tsy azo avotana intsony izany. [21]Fa kosa, ilay saha, rehefa avoaka amin'ny taon-jobily, dia ho fanomezana masina ho an'i Yaveh izany, tahaka ny saha izay efa natolotra tanteraka ho an'i Yaveh. Ho an'ny mpisorona izany.
[22]Raha manokana saha izay avy novidiany ny lehilahy iray, kanefa tsy anisan'ny tanin-drazany izany saha izany,[23]dia ho vinavinain'ny mpisorona ny tombam-bidin'izany hatramin'ny taon-jobily, ka tsy maintsy aloan'ilay lehilahy ho fanomezana masina ho an'i Yaveh ny tomban'izany amin'izany andro izany.
[24]Amin'ny taon-jobily, dia hiverina any amin'ilay lehilahy izay nividianana izany ny tany, any amin'ny tompon'ny tany.
[25]Ny tombam-bidy rehetra dia tsy maintsy atao araka ny lanjan'ny sekelin'ny fitoerana masina. Tsy maintsy gera roapolo no mifandraika amin'ny sekely iray.
[26]Tsy misy mahazo manokana ny voalohan-teraka amin'ny biby, satria ny voalohan-teraka dia efa an'i Yaveh; na omby na ondry, an'i Yaveh izany. [27]Raha toa ka biby maloto izany, dia mahazo mividy izany amin'ny tombam-bidiny indray ilay tompony, ary tsy maintsy manampy iray ampahadimin'ny tomban'izany. Fa raha tsy avotra kosa ilay biby, dia ho amidy amin'ny tombany voatondro izany.
[28]Fa tsy misy zavatra izay atokan'ny lehilahy iray ho an'i Yaveh, avy amin'izay rehetra ananany, na olombelona na biby, na ny tanin-drazany, ka afaka amidy na avotana. Izay rehetra natokana dia masina indrindra ho an'i Yaveh. [29]Tsy misy vidim-panavotana azo aloa ho an'ny olona izay voatokana ho amin'ny faharavana. Tsy maintsy vonoina izany olona izany.
[30]Ny ampahafolon'ny vokatra rehetran'ny tany, na voly eny amin'ny tany izany na vokatra avy amin'ny hazo, dia an'i Yaveh. Masina ho an'i Yaveh izany.[31]Raha hanavotra ny ampahafolom-bokany ny lehilahy iray, dia tsy maintsy manampy avo dimy heny amin'ny tomban'izany izy.
[32]Raha ny amin'ny ampahafolon'ny omby na ondry, na inona na inona mandalo eo ambany tsorakazon'ny mpiandry ondry, ny iray ampahafolon'izany dia tsy maintsy atokana ho an'i Yaveh. [33]Aoka tsy hitady ny biby tsara na ny ratsy ny mpiandry, ary aoka izy tsy hampifamadika izany. Raha toa ka manakalo izany izy, dia samy masina avokoa na izany na ilay takalony. Tsy azo avotana izany.'"
[34]Ireo avy no didy izay nomen'i Yaveh ho an'i Mosesy ho an'ny vahoakan'Israely tany an-Tendrombohitra Sinay.

Nomery

1 [1]Niteny tamin'i Mosesy teo amin'ny trano-lay fihaonana tany an-tany efitr'i Sinay i Yaveh. Nitranga izany tamin'ny andro voalohany tamin'ny volana faharoa nandritra ny taona faharoa taorian'ny nivoahan'ny vahoakan'Israely avy tany amin'ny tany Egypta. Hoy i Yaveh: [2]"Mitaria fanisam-bahoaka amin'ireo lehilahin'Israely rehetra isan'antokony, ao amin'ny fianakavian-drain'izy ireo. Isao amin'ny anarany izy ireo. Isao ny lahy rehetra, ny lehilahy tsirairay avy [3]izay roapolo taona na mihoatra. Isao daholo ireo izay afaka miady ho miaramila ho an'i Israely. Aoka ho raketinao sy Arona an-tsoratra ny isan'ireo lehilahy amin'ny vondron'izy ireo mitam-piadiana.
[4]Lehilahy iray avy amin'ny foko tsirairay avy, lohan'antoko iray, no aoka hanompo miaraka aminao ho mpitari-pokony. Ny mpitarika tsirairay avy dia tsy maintsy mitarika ireo lehilahy izay hiady ho an'ny fokony. [5]Ireto ny anaran'ireo mpitarika izay tsy maintsy miady miaraka aminao: Avy amin'ny fokon'i Robena, Elizora zanak'i Sedeora; [6]avy amin'ny fokon'i Simeona, Selomiela zanak'i Zorisaday;
[7]avy amin'ny fokon'i Joda, Nasona zanak'i Aminadaba; [8]avy amin'ny fokon'i Isakara, Netanela zanak'i Zoara; [9]avy amin'ny fokon'i Zebolona, Eliaba zanak'i Helona;
[10]avy amin'ny fokon'i Efraima zanak'i Josefa, Elisama zanak'i Ahimoda; avy amin'ny fokon'i Manase, Gamaliela zanak'i Pedazora; [11]avy amin'ny fokon'i Benjamina, Abidana zanak'i Gideony;
[12]avy amin'ny fokon'i Dana, Ahiezera zanak'i Amisaday; [13]avy amin'ny fokon'i Asera, Fagiela zanak'i Okrana; [14]avy amin'ny fokon'i Gada, Eliasafa zanak'i Doela; [15]ary avy amin'ny fokon'i Naftaly, Ahira zanak'i Enana."
[16]Ireo no lehilahy voatondro teo amin'ny olona. Nitarika ny fokon'ny razambeny izy ireo. Izy ireo no mpitarika ireo antoko tao Israely.
[17]Nalain'i Mosesy sy Arona ireo lehilahy ireo, izay noraketina an-tsoratra araka ny anarana, [18]ary niaraka tamin'ireo lehilahy ireo dia nangonin'izy ireo ny lehilahy rehetra tamin'Israely tamin'ny andro voalohan'ny volana faharoa. Ary ny lehilahy roapolo taona na mihoatra tsirairay avy dia namantatra ny razambeny. Tsy maintsy nanome anarana ireo antoko sy fianakaviana taranaka avy amin'ny razambeny izy. [19]Dia noraketin'i Mosesy an-tsoratra ny isan'izy ireo tany an-tany efitr'i Sinay, araka ny nandidian'i Yaveh hataony.

[20]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady avy amin'ny taranak'i Robena, lahimatoan'i Israely, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo.
[21]Niisa 46. 500 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Robena.
[22]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady avy amin'ny taranak'i Simeona, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [23]Niisa 59. 300 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Simeona.
[24]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady avy amin'ny taranak'i Gada, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [25]Niisa 45. 650 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Gada.
[26]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady avy amin'ny taranak'i Joda, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [27]Niisa 74. 600 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Joda.
[28]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady avy amin'ny taranak'i Isakara, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [29]Niisa 54. 400 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Isakara.
[30]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady avy amin'ny taranak'i Zebolona, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [31]Niisa 57. 400 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Zebolona.
[32]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady avy amin'ny taranak'i Efraima, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny fianakaviam-ben'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [33]Niisa 40. 500 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Efraima.
[34]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady avy amin'ny taranak'i Manase, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [35]Niisa 32. 200 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Manase.
[36]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady avy amin'ny taranak'i Benjamina, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [37]Niisa 35. 400 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Benjamina.
[38]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady avy amin'ny taranak'i Dana, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [39]Niisa 62. 700 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Dana.
[40]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady rehetra avy amin'ny taranak'i Asera, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [41]Niisa 41. 500 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Asera.
[42]Nisaina ny anaran'ny lehilahy rehetra izay roapolo taona na mihoatra afaka mandeha an'ady rehetra avy amin'ny taranak'i Naftaly, avy amin'ny firaketana an-tsoratra ny antokon'ireo razambeny sy ny fianakavian'izy ireo. [43]Niisa 53. 400 lahy izy ireo avy amin'ny fokon'i Naftaly.
[44]Niara-nanisa ireo lehilahy rehetra ireo, niaraka tamin'ny lehilahy roa ambin'ny folo izay nitarika ny foko roa ambin'ny folon'i Israely i Mosesy sy Arona. [45]Ka ireo lehilahin'Israely roapolo taona na mihoatra rehetra, ireo rehetra afaka miady any an'ady, dia nisaina tsirairay tamin'ny fianakavian'izy ireo. [46]Niisa 603. 550 lahy izy ireo.
[47]Fa tsy nisaina ireo lehilahy izay taranak'i Levy, [48]satria nilaza tamin'i Mosesy i Yaveh hoe: "[49]Tsy mahazo manisa ny fokon'i Levy ianao na mampiditra azy amin'ny tamba-ben'ny vahoakan'i Israely.
[50]Fa kosa, tendreo ireo Levita hitandrina ny tabernakelin'ny didim-panekena, sy hikarakara ny fanaka rehetra ao amin'ny tabernakely sy ny zavatra rehetra ao amin'izany. Aoka hilanja ny tabernakely ny Levita, ary aoka hitondra ireo fanaky ny tabernakely izy ireo. Aoka hikarakara ny tabernakely sy hitoby manodidina izany izy ireo.
[51]Rehefa mila afindra ho amin'ny toeran-kafa ny tabernakely, dia aoka hanala izany ny Levita. Rehefa tokony hapetraka ny tabernakely, dia aoka hametraka izany ny Levita. Izay olon-kafa manatona ny tabernakely dia tsy maintsy ho faty.
[52]Rehefa mametraka ireo lainy ny vahoakan'Israely, dia aoka anao izany eo akaikin'ny faneva izay an'ny vondrony mitam-piadiana ny lehilahy tsirairay avy.
[53]Na izany aza, aoka hametraka ny lainy manodidina ny tabernakelin'ny didim-panekena ny Levita mba tsy ho tonga amin'ny vahoakan'ny Israely ny fahatezerako. Aoka tsy hikarakara ny tabernakelin'ny lalàn'ny fanekem-pihavanana ny Levita." [54]Nanao izany zavatra rehetra izany ny vahoakan'Israely. Nataon'izy ireo izay rehetra nandidian'i Yaveh tamin'ny alalan'i Mosesy.

2 [1]Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona indray i Yaveh. Hoy Izy hoe: [2]"Ireo Israelita tsirairay avy dia tsy maintsy mitoby manodidina ny vondrony avy, miaraka amin'ireo fanevan'ny ankohonan-drain'izy ireo. Hitoby manodidina ny lafin'ny trano-lay fihaonana rehetra izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Ireo hitoby eny antsinanan'ny trano-lay fihaonana, izay hiposahan'ny masoandro, dia izy ireo no tobin'i Joda ary mitoby araka ny vondrony izy ireo. Nasona zanaka lahin'i Aminadaba no mpitariky ny vahoakan'i Joda. [4]Ny isan'ny vahoakan'i Joda dia 74. 600.
[5]Ny fokon'Isakara dia tsy maintsy mitoby eo akaikin'i Joda. Netanela zanaka lahin'i Zoara dia tsy maintsy mitarika ny tafik'Isakara. [6]Lehilahy 54. 400 no tao amin'ny fizarany.
[7]Ny fokon'i Zebolona dia tsy maintsy mitoby eo anilan'Isakara. Eliaba zanaka lahin'i Helona no tsy maintsy mitarika ny tafik'i Zebolona. [8]Miisa 57. 400 ny ao amin'ny fizarany.
[9]Miisa 186. 400 ny isan'ny tobin'i Joda rehetra. Izy ireo no hiainga voalohany.
[10]Any amin'ny ilany atsimo no hisy ny tobin'i Robena araka ny vondrony. Ny mpitarika ny tobin'i Robena dia Elizora zanaka lahin'i Sedera. [11]Miisa 46. 500 ny ao amin'ny fizarany.
[12]Mitoby eo anilan'i Robena i Simeona. Ny mpitarika ny vahoakan'i Simeona dia i Selomiela zanaka lahin'i Zorisaday.
[13]Niisa 59. 300 ny tao amin'ny fizaran'izy ireo.
[14]Ny fokon'i Gada dia teo akaiky teo. Ny mpitarika ny vahoakan'Andriamanitra dia i Eliasafa zanaka lahin'i Roela. [15]Miisa 45. 650 ny ao amin'ny fizarany.
[16]Miisa 151. 450 ireo rehetra mitoby ao amin'i Robena araka ny fizarany avy. Izy ireo dia hiainga faharoa.
[17]Manaraka izany, ny trano-lay fihaonana dia tsy maintsy mivoaka ny toby miaraka amin'ireo Levita eo afovoan'ny toby rehetra. Tokony hivoaka ny toby araka ny filaharana nidiran'izy ireo tao amin'ny toby izy ireo. Ny lehilahy rehetra dia tokony ho eo amin'ny toerany avy, araka ny fanevany.
[18]Ireo fizaran'ny tobin'i Efraima dia eo ambanin'ny vondron'izy ireo. Ny mpitarika ny vahoakan'i Efraima dia i Elisama zanaka lahin'i Amihoda. [19]Miisa 40. 500 ny ao amin'ny fizarany.
[20]Eo anilan'izy ireo no hisy ny fokon'i Manase. Ny mpitarika an'i Manase dia i Gamaliela zanaka lahin'i Pedazora. [21]Miisa 32. 200 ny ao amin'ny fizarany.
[22]Eo anilany no misy ny fokon'i Benjamina. Ny mpitarik'i Benjamina dia Abidana zanaka lahin'i Gideony. [23]Miisa 35. 400 ny ao amin'ny fizarany.
[24]Miisa 108. 100 ireo rehetra mitoby ao Efraima. Izy ireo no hiainga fahatelo.
[25]Any avaratra no hisy ny fizaran'ny tobin'i Dana. Ny mpitarika ny vahoakan'i Dana dia i Ahiezera zanaka lahin'i Amisaday. [26]Miisa 62. 700 ny ao amin'ny fizarany.
[27]Ny vahoakan'ny fokon'i Asera dia nitoby teo anilan'i Dana. Ny mpitarika ny vahoakan'i Asera dia i Pagiela zanaka lahin'i Okrana. [28]Miisa 41. 500 ny ao amin'ny fizarany.
[29]Teo anilany ny fokon'i Naftaly. Ny mpitarika an'i Naftaly dia i Asira zanaka lahin'i Enana. [30]Miisa 53. 400 ny ao amin'ny fizarany.
[31]Miisa 157. 600 ireo rehetra nitoby niaraka tamin'i Dana. Izy ireo no hiainga ao amin'ny toby farany, eo ambanin'ny fanevan'izy ireo."
[32]Ireo no isan'ireo Israelita araka ny fianakavian'izy ireo. Ireo rehetra voaisa tao amin'ny tobin'izy ireo, araka ny fizaran'izy ireo dia 603. 550. [33]Fa Mosesy sy Arona dia tsy nanisa ireo Levita tao amin'ny vahoakan'Israely. Izany dia araka ny efa nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.
[34]Ny vahoakan'Israely dia nanao izay rehetra nandidian'i Yaveh an'i Mosesy. Nitoby araka ireo fanevany izy ireo. Nivoaka ny toby araka ny fokony izy ireo, araka ny filaharan'ny fianakavian'ny razambeny.

3 [1]Ary izao no tantaran'ny taranak'i Arona sy Mosesy rehefa niteny tamin'i Mosesy tany amin'ny tendrombohitra Sinay i Yaveh. [2]Ny anaran'ireo zanaka lahin'i Arona dia i Nadaba lahimatoa, sy Abiho, Eleazara, ary Itamara.
[3]Ireo no anaran'ireo zanaka lahin'i Arona, ireo mpisorona izay voahosotra sy voatokana hanompo ho mpisorona. [4]Fa Nadaba sy Abiho kosa lavo maty teo anatrehan'i Yaveh rehefa nanolotra Azy afo tsy azo ekena tany amin'ny efitr'i Sinay izy ireo. Tsy nanan-janaka i Nadaba sy Abiho, ka dia Eleazara sy Itamara ihany no nanompo ho mpisorona niaraka tamin'i Arona rain'izy ireo.
[5]Niteny tamin'i Mosesy i Yaveh. Hoy izy: [6]"Ento ny fokon'i Levy ka ampisehoy amin'i Arona mpisorona izy ireo mba hanampy azy.
[7]Aoka hanao ireo adidy amin'ny anjaran'i Arona sy ny fivondronana manontolo eo anoloan'ny trano-layfihaonana izy ireo. Aoka izy ireo hanompo ao amin'ny tabernakely. [8]Aoka hikarakara ireo fanaka rehetra ao amin'ny trano-lay fihaonana izy ireo, ary hanampy ireo fokon'Israely hanatanteraka ny asa fanompoana ny tabernakely.
[9]Aoka hatolotrao an'i Arona sy ireo zanany lahy ireo Levita. Atolotra manontolo izy ireo mba hanampy azy hanompo ny vahoakan'Israely. [10]Tsy maintsy tendrenao ho mpisorona i Arona sy ireo zanany lahy, fa izay olona hafa firenena tonga manakaiky dia tsy maintsy vonoina ho faty."
[11]Niteny tamin'i Mosesy i Yaveh. Hoy Izy hoe: [12]"Indro, efa naka ireo Levita avy tamin'ireo vahoakan'Israely Aho. Izany no nataoko raha tokony naka ny lahimatoa tsirairay izay teraka tamin'ny vahoakan'Israely. Ahy ireo Levita. [13]Ahy ny voalohan-teraka rehetra. Tamin'ny andro namelezako ny lahimatoa rehetra tany amin'ny tany Egypta, no nanokanako ho Ahy ny voalohan-terak'Israely rehetra, na ny vahoaka na ny biby fiompy. Ahy ireny. Izaho no Yaveh."

[14]Niteny tamin'i Mosesy tany an'efitr'i Sinay i Yaveh. Hoy Izy hoe: [15]"'Isao isaky ny ankohonana ny taranak'i Levy, isaky ny ankohonan'ny razamben'izy ireo. Isao ny lehilahy rehetra izay iray volana no ho miakatra." [16]Nanisa azy ireo i Mosesy, araka ny tenin'i Yaveh, araka ny nandidiana azy ho atao.
[17]Ny anaran'ireo zanaka lahin'i Levy dia Gersona, Kohata, ary Merary. [18]Ny fianakaviam-be avy amin'ireo zanaka lahin'i Gersona dia Libny sy Simey. [19]Ny fianakaviam-be avy amin'ireo zanaka lahin'i Kohata dia Amrama, Izara, Hebrona, Ary Oziela. [20]Ny fianakaviam-be avy amin'ireo zanaka lahin'i Merary dia Maly sy Mosy. Ireo no fianakaviam-ben'ireo Levita, izay nalahatra araka ny fianakaviany avy.
[21]Ireo fianakaviam-ben'ireo Libnita sy ireo Simeita dia avy amin'i Gersona. Ireo avy no fianakaviamben'ireo Gersonita.
[22]Ny lahy rehetra manomboka iray volana no miakatra dia nisaina, niisa 7. 500. [23]Ny fianakaviam-ben'ireo Gersonita dia hitoby eo amin'ny ilany andrefan'ny tabernakely.
[24]Eliasafa zanaka lahin'i Laela no tsy maintsy hitarika ireo fianakaviam-ben'ny taranaky ny Gersonita. [25]Ny fianakavian'i Gersona dia tsy maintsy mikarakara ny trano-lay fihaonana ka ao anatin'izany ny tabernakely. Hikarakara ny trano-lay izy ireo, ny firakony, sy ireo lamba ampiasaina amin'ny fidirana ao amin'ny trano-lay fihaonana. [26]Tsy maintsy mikarakara ny lamban-kianja izy ireo, ny lamba eo amin'ny fidiran'ny kianja—ny kianja izay mihodidina ny fitoerana masina sy ny alitara. Aoka hikarakara ireo tadin'ny trano-lay fihaonana sy izay rehetra ao aminy izy ireo.
[27]Avy amin'i Kohata ireo fianakaviam-be ireo: fianakavian'ny Amramita, ny fianakavian'ny Izarita, ny fianakavian'ny Hebronita, ary ny fianakavian'ny Ozielita. [28]An'ireo Kohatita ireo fianakaviam-be ireo. 8. 600 lahy iray volana no ho miakatra no efa voaisa mba hikarakara ireo fananan'i Yaveh. [29]Ireo fianakavian'ny taranak'i Kohata dia tsy maintsy mitoby mianatsimon'ny tabernakely.
[30]Elifaza zanaka lahin'i Oziela no tsy maintsy hitarika ny fianakaviam-ben'ireo Kohatita. [31]Izy ireo no tsy maintsy mikarakara ny fiara, ny latabatra, ny fitoeran-jiro, ireo alitara, ireo zava-masina izay ampiasaina amin'ny fanompoany, ny lamba, ary izay asa rehetra mahakasika izany. [32]Eleazara zanaka lahin'i Arona mpisorona no tsy maintsy hitarika ireo lehilahy izay mitarika ireo Levita. Tokony hanara-maso ireo lehilahy izay mikarakara ny fitoerana masina izy.
[33]Fianakaviam-be roa no avy amin'i Merary: ny fianakavian'ny Malita sy ny fianakavian'ny Mosita. Ireo fianakaviambe ireo dia avy amin'i Merary. [34]6. 200 lahy iray volana no ho miakatra no efa voaisa. [35]Zoriela zanaka lahin'i Abihaila no tsy maintsy hitarika ireo fianakaviamben'i Merary. Tsy maintsy mitoby mianavaratry ny tabernakely izy ireo.
[36]Ny taranak'i Merary dia tokony hikarakara ny rafitry ny tabernakely, ireo barany, tsanganana, faladiany, ny fitaovana rehetra, sy izay rehetra mahakasika ireo, ao anatin'izany [37]ireo andry sy tsanganan'ny kianja izay mihodidina ny tabernakely, miaraka amin'ny faladian'ireo, fihantonan-javatra, sy tady.
[38]Mosesy sy Arona ary ireo zanaka lahin'izy ireo dia tsy maintsy hitoby miatsinanan'ny tabernakely, eo anoloan'ny trano-lay fihaonana, tandrifin'ny fiposahan'ny masoandro. Izy ireo no tompon'andraikitra ho an'ny fanatanterahana ireo adidy amin'ny fitoerana masina sy ireo adidy amin'ny vahoakan'Israely. Na iza na iza olona hafa firenena manatona ny fitoerana masina dia tsy maintsy ho faty. [39]Mosesy sy Arona nanisa ny lahy rehetra tamin'ny fianakaviam-ben'i Levy izay iray volana no ho miakatra, araka izay nandidian'i Yaveh. Niisa roa arivo sy roa alina izy ireo.
[40]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Isao ny voalohan-teraky ny vahoakan'Israely rehetra izay iray volana no ho miakatra. Raiso ny anaran'izy ireo. [41]Aoka halainao ho Ahy ireo Levita—Izaho Yaveh— ho solon'ny voalohan-teraky ny vahoakan'Israely, sy ny biby fiompin'ireo Levita ho solon'ny voalohan-teraky ny biby fiompin'ny taranak'Israely."
[42]Mosesy nanisa ny voalohan-teraky ny vahoakan'Israely rehetra araka izay efa nandidian'i Yaveh azy hatao. [43]Nanisa ny lahimatoa rehetra araka ny anarana izy, iray volana no ho miakatra. Nahavoaisa 22. 273 lahy izy.
[44]Niteny tamin'i Mosesy indray i Yaveh. Hoy Izy hoe: [45]"Alaivo ireo Levita ho solon'ny voalohan-teraka amin'ny vahoakan'Israely, ary alaivo ny biby fiompin'ireo Levita ho solon'ny biby fiompin'ny vahoaka. Ahy ireo Levita— Izaho no Yaveh.
[46]Manangòna sekely dimy ho an'ny fanavotana isan'olona amin'ireo voalohan-teraky ny vahoakan'Israely izay mihoatra ny isan'ireo Levita. [47]Ampiasao araka ny fenitry ny lanjanao ny sekelin'ny fitoerana masina. Gera roapolo ny sekely.
[48]Homenao an'i Arona sy ireo zanany lahy ny vidim-panavotana izay naloanao." [49]Ka dia nanangona ny vidin'ny fanavotana avy tamin'ireo izay nihoatra isa tamin'ireo navotan'ireo Levita i Mosesy. [50]Nanangona ny vola avy tamin'ny voalohan-teraky ny vahoakan'Israely i Mosesy. Nahangona sekely 1. 365 izy, nolanjaina tamin'ny sekelin'ny fitoerana masina. [51]Mosesy nanome ny volam-panavotana ho an'i Arona sy ireo zanany lahy. Mosesy nanao izay nasain'ny tenin'i Yaveh nataony, araka izay efa nandidian'i Yaveh azy.

4 [1]Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh. Hoy Izy hoe: [2]"'Manaova fanisana an'ireo lehilahin'ny taranak'i Kehata eo amin'ireo Levita, araka ny fokon'izy ireo sy ny razamben'ny ankohonan'izy ireo. [3]Isao ireo lehilahy rehetra izay telopolo hatramin'ny dimampolo taona. Ireo lehilahy ireo dia tsy maintsy manatevin-daharana ny antoko mba hanompo ao amin'ny trano-layfihaonana. [4]Ireo taranak'i Kehata dia tsy maintsy mikarakara ireo zavatra masina indrindra natokana ho Ahy ao amin'ny trano-lay fihaonana.
[5]Rehefa miomana hifindra toerana ny toby, dia tsy maintsy miditra ao amin'ny lay i Arona sy ireo zanany lahy, mampidina ny lamba fanakonana izay manasaraka ny toerana masina indrindra amin'ny toerana masina ary manarona

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ny fiaran'ny vavolombelona miaraka amin'izany. [6]Tsy maintsy manarona ilay fiara amin'ny hodi-takasy izy ireo. Tsy maintsy mamelatra lamba manga eo ambonin'izany izy ireo. Tsy maintsy apetany ireo bao mba hilanjana izany.
[7]Tsy maintsy mamelatra lamba manga eo ambonin'ny latabatry ny mofon'ny fanatrehana izy ireo. Izy ireo dia tsy maintsy mametraka ireo lovia, ireo sotro, ireo lovia boribory, ary siny fandrarahana eo ambonin'izany. Tsy maintsy misy mofo foana eo ambonin'ny latabatra. [8]Tsy maintsy saronan'izy ireo amin'ny lamba jaky sy amin'ny hodi-takasy ireo. Tsy maintsy apetak'izy ireo ireo bao mba hilanjana ny latabatra.
[9]Tsy maintsy maka lamba manga izy ireo ary manarona ny fitoeran-jiro, miaraka amin'ny fanilon'izany, ireo hety, ireo fitoeran-davenona, ary ireo fitoeran-diloilo rehetra ho an'ireo fanilo. [10]Tsy maintsy apetrak'izy ireo ao anatin'ny fanaronana vita amin'ny hodi-takasy ny fanaovan-jiro sy ireo fitaovana rehetra miaraka amin'izany, ary tsy maintsy apetrak'izy ireo eo ambonin'ny rafitra filanjana izany. [11]Tsy maintsy mamelatra lamba manga eo ambonin'ny alitara volamena izy ireo. Tsy maintsy manarona izany amin'ny fanaronana vita amin'ny hodi-takasy izy ireo, ary avy eo mametaka ireo bao filanjana.
[12]Tsy maintsy maka ireo fitaovana hiasana rehetra any amin'ny toerana masina izy ireo ary mamono izany ao anatin'ny lamba manga. Tsy maintsy manarona izany amin'ny hodi-takasy izy ireo ary mametraka ireo fitaovam-piasana eo amin'ny rafitra filanjana. [13]Tsy maintsy manala ireo lavenona amin'ny alitara izy ireo ary mamelatra lamba voloparasy eo amin'ilay alitara. [14]Tsy maintsy apetrak'izy ireo ny rafitra filanjana ireo fitaovam-piasana rehetra izay ampiasain'izy ireo amin'ny asan'ny alitara. Ireo fitaovana ireo dia ny fitondrana afo, fitreby, lapelina, lovia famafazana, ary ireo fitaovam-piasana hafa rehetra ho an'ny alitara. Tsy maintsy manarona ny alitara amin'ny hodi-takasy izy ireo ary avy eo mametaka ireo bao filanjana.
[15]Rehefa avy nanarona tanteraka ny toerana masina sy ireo fitaovam-piasana rehetra niaraka tamin'izany i Arona sy ireo zanany lahy, ary rehefa mifindra toerana ny toby, dia tsy maintsy manatona mba hilanja ilay toerana masina ireo taranak'i Kehata. Raha mikasika ireo fitaovana masina izy ireo, dia tsy maintsy maty. Izao no asan'ireo taranak'i Kehata, dia ny milanja ireo fanaka ao amin'ny trano-lay fihaonana. [16]Eleazara zanaka lahin'i Arona mpisorona no manara-maso ny fikarakarana ny solika ho an'ny fanilo, ny ditin-kazo manitra, ny fanatitra voa mahazatra, ary ny diloilo fanosotra. Manara-maso ny fikarakarana ny tabernakely manontolo sy izay rehetra ao anatin'izany izy, dia ilay toerana masina sy ireo fitaovam-piasana rehetra miaraka amin'izany."
[17]Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh. Hoy Izy hoe: [18]"Aza avela ho alàna eo amin'ireo Levita ny fokon'ny fianakaviamben'ny Kehatita. [19]Arovy izy ireo, mba ho velona fa tsy ho faty, amin'ny alalan'ny fanaovana izao. Rehefa manatona ireo zavatra masina indrindra izy ireo [20]dia tsy tokony hiditra mba hijery ny toerana masina na dia fotoana kely aza, sao ho faty izy ireo. Arona sy ireo zanany lahy no tsy maintsy miditra ao, ary avy eo Arona sy ireo zanany lahy dia tsy maintsy manendry ny tsirairay amin'ireo Kehatita amin'ny asany avy, amin'ny andraikiny manokana."
[21]Niresaka tamin'i Mosesy indray i Yaveh. Hoy Izy hoe: [22]"Manaova ihany koa fanisana an'ireo taranak'i Gersona, araka ny ankohonan'ny razamben'izy ireo, araka ny fokon'izy ireo. [23]Isao ireo izay telopolo hatramin'ny dimampolo taona. Isao izay rehetra hanatevin-daharana ny antoko mba hanompo ao amin'ny trano-lay fihaonana.
[24]Izao no asan'ireo fokon'ny Gersonita, rehefa manompo izy ireo ary mitondra entana. [25]Tsy maintsy mitondra ireo lamba fanakonana ny tabernakely, ny trano-lay fihaonana, ny fanaronana izany, ny fanaronana vita amin'ny hodi-takasy izay eo amin'izany, ary ireo lamba fanakonana ny fidirana ao amin'ny trano-lay fihaonana izy ireo. [26]Tsy maintsy mitondra ireo lamba fanakonana ny fitsaràna izy ireo, ny lamba fanakonana ny vavahadin'ny fitsaràna, izay eo akaikin'ny tabernakely sy eo akaikin'ny alitara, ny tadin'ireo, ary ireo fitaovana rehetra ho an'ny fanompoan'izy ireo. Izay rehetra tokony ho vita amin'ireo zavatra ireo, dia tsy maintsy ataon'izy ireo.
[27]Arona sy ny zanany lahy dia tsy maintsy manoro ireo asan'ny taranak'ireo Gersonita rehetra, amin'izay rehetra entin'izy ireo, ary amin'ny fanompoan'izy ireo rehetra. Tsy maintsy tendrenareo amin'ny andraikiny rehetra izy. [28]Izany no fanompoan'ireo fokon'ireo taranaky ny Gersonita ho an'ny trano-lay fihaonana. Itamara zanaka lahin'i Arona mpisorona dia tsy maintsy mitarika azy ireo amin'ny fanompoany.
[29]Tsy maintsy manisa ireo taranak'i Merary araka ny fokon'izy ireo ianareo, ary mandahatra azy ireo araka ny ankohonan'ny razamben'izy ireo, [30]manomboka amin'ny telopolo taona no ho mihoatra ka hatramin'ny dimampolo taona. Isao ireo rehetra izay handeha hanatevin-daharana ny antoko sy hanompo ao amin'ny trano-lay fihaonana.
[31]Izao no andraikitr'izy ireo sy ny asan'izy ireo amin'ny fanompoan'izy rehetra ho an'ny trano-lay fihaonana. Tsy maintsy mikarakara ny entan'ny tabernakely, ny hidin'izany, ireo andry, ary ireo faladia, [32]miaraka amin'ireo andrin'ny fitsaràna manodidina ny tabernakely, ny faladian'ireo, ireo tsatokany, ary ireo tadiny, miaraka amin'ireo fitaovany rehetra izy ireo. Soraty araka ny anarana ireo fanaka izay tsy maintsy entin'izy ireo.
[33]Izao no asan'ireo fokon'ny taranak'i Merary, izay ataon'izy ireo ho an'ny trano-lay fihaonana, eo ambany fitarihan'Itamara zanaka lahin'i Arona mpisorona."
[34]Mosesy sy Arona ary ireo mpitarika ny fivondronana no nanisa ireo taranak'i Kehatita araka ny fokon'ny razamben'izy ireo. [35]Nisain'izy ireo manomboka amin'ny telopolo ka hatramin'ny dimampolo taona izy ireo. Nanisa izay rehetra hanatevin-daharana ny antoko mba hanompo ao amin'ny trano-lay fihaonana izy ireo. [36]Olona 2. 750 no voaisan'izy ireo araka ny fokony.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[37]Mosesy sy Arona dia nanisa ireo olona rehetra tao amin'ireo foko sy ireo fianakavian'ireo Kehatita izay manompo ao amin'ny trano-lay fihaonana. Tamin'ny fanaovana izany, dia nankatoa izay nodidian'i Yaveh ho ataon'izy ireo tamin'ny alalan'i Mosesy izy ireo.
[38]Ireo taranak'i Gersona dia nisaina tao amin'ny fokon'izy ireo, araka ny ankohonan'ny fianakavian'izy ireo, [39]manomboka amin'ny telopolo ka hatramin'ny dimampolo taona, izay rehetra hiditra ao amin'ny antoko mba hanompo ao amin'ny trano-lay fihaonana. [40]Ny olona rehetra, dia nisaina araka ny fokon'izy ireo sy ny ankohonan'ny razamben'izy ireo avy, 2. 630 isa.
[41]Mosesy sy Arona dia nanisa ireo fokon'ny taranak'i Gersona izay hanompo ao amin'ny trano-layfihaonana. Tamin'ny fanaovana izany, dia nankatoa izay nodidian'i Yaveh ho ataon'izy ireo amin'ny talalan'i Mosesy izy ireo.
[42]Ireo taranak'i Merary dia nisaina tao amin'ny fokon'izy ireo araka ny ankohonan'ny razamben'izy ireo, [43]manomboka amin'ny telopolo ka hatramin'ny dimampolo taona, izay rehetra hiditra ao amin'ny antoko mba hanompo ao amin'ny trano-lay fihaonana. [44]Ny olona rehetra, dia nisaina araka ny fokon'izy ireo sy ny ankohonan'ny razamben'izy ireo avy, 3. 200 isa.
[45]Nanisa ireo olona rehetra ireo i Arona sy Mosesy, dia ireo taranak'i Merary. Tamin'ny fanaovana izany, dia nankatoa izay nodidian'i Yaveh ho ataon'izy ireo tamin'ny alalan'i Mosesy izy ireo.
[46]Koa nanisa ireo Levita rehetra araka ny fokon'izy ireo tao amin'ny fianakavian'ny razambeny [47]nanomboka tamin'ny telopolo ka hatramin'ny dimampolo taona i Mosesy, Arona, ary ireo mpitarik'Israely. Nisain'izy ireo izay rehetra hiasa ao amin'ny tabernakely, sy izay hitondra ary hikarakara ireo fanaka ao amin'ny trano-lay fihaonana. [48]Olona 8. 580 no voaisan'izy ireo.
[49]Araka ny didin'i Yaveh, dia nanisa ny olona tsirairay i Mosesy, araka ny karazan'asa izay nanendrena azy avy. Nanisa ny olona tsirairay araka ny karazan'andraikitra nosahaniny avy izy. Tamin'ny fanaovana izany, dia nankatoa izay nodidian'i Yaveh ho ataon'izy ireo tamin'ny alalan'i Mosesy izy ireo.

5 [1]Yaveh niresaka tamin'i Mosesy. Hoy Izy hoe: [2]"Didio ny vahoakan'Israely mba handroaka ny rehetra misy aretin-koditra hiala ao amin'ny toby, ary izay rehetra misy fery mitsika, ary izay rehetra maloto tamin'ny fikasihana faty. [3]Na lehilahy na vehivavy, dia aoka halefanao hiala ao amin'ny toby izy ireo. Aoka tsy handoto ny toby izy ireo, satria ao no mitoetra Aho." [4]Dia nanao izany ny vahoakan'Israely. Dia nalefan'izy ireo hiala tao amin'ny toby izy ireo, araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy. Dia nankatoa an'i Yaveh ny vahoakan'ny Israely.
[5]Niresaka tamin'i Mosesy indray Yaveh. Hoy Izy: [6]"Miresaha amin'ny vahoakan'Israely. Rehefa manao fahotana ny lehilahy na ny vehivavy tahaka ny ifanaovan'ny olona, ary tsy mahatoky amiko, dia meloka izany olona izany. [7]Ary tsy maintsy miaiky ny fahotana izay efa vitany izy. Tsy maintsy honerany tanteraka ny vidin-kelony ary hanampy ny avo dimy heny amin'ny vidiny. Tsy maintsy hanome izany amin'iray izay nanaovany ny tsy mety izy.
[8]Fa raha tsy manana havana hakaiky mba handray ny onitra ilay niharan'ny tsy mety, dia tsy maintsy honerany amiko amin'ny alalan'ny mpisorona ny vidin-kelony, miaraka amin'ny ondry iray ho fanavotana ny tenany. [9]Ny fanatitry ny vahoakan'Israely rehetra, ireo zavatra izay natokana sy nentina tany amin'ny mpisorona avy amin'ny vahoakan'Israely, dia ho azy avokoa. [10]Ireo fanatitry ny olona rehetra dia ho an'ny mpisorona; raha misy manome zavatra ho an'ny mpisorona, dia ho azy izany."
[11]Dia niresaka tamin'i Mosesy indray i Yaveh. Hoy Izy:[12]"Miresaha amin'ny voahoakan'Israely. Lazao izy ireo hoe: 'Raiso hoe mivadika ny vadin-dralehilahy ary manota amin'ny vadiny.
[13]Ary raiso hoe misy lehilahy hafa miara-mandry aminy. Amin'izany, dia voaloto izy. Na dia tsy hitan'ny vadiny aza izany na fatany ny momba izany, ary na dia tsy misy na iray aza mahatratra azy eo am-panaovana izany ary tsy misy na iray aza mijoro vavolombelona miampanga azy, [14]na dia izany aza, ny fanahin'ny hasarotam-piaro dia mampahafantatra hatrany amin'ny lahy fa voaloto ny vadiny. Kanefa, ny fanahin'ny hasarotam-piaro dia ho avy handainga amin'ilay lehilahy rehefa tsy voaloto ny vadiny.
[15]Amin'ny tranga tahaka izany, ilay lehilahy dia tokony hitondra ny vadiny ho any amin'ny mpisorona. Tsy maintsy mitondra fanatitra sotroina ho azy ny vadiny. Tsy maintsy hitondra kobam-bary ampahafolon'ny efaha izy. Tsy mahazo mandraraka menaka na ditin-kazo manitra amin'izany izy satria fanatitra varin'ny hasarotam-piaro izany, fanatitra hohanina ho famantarana ny mety ho fisian'ny fahotana.
[16]Aoka hitondra azy akaiky ary hametraka azy eo anatrehan'i Yaveh ny mpisorona. [17]Aoka haka ny sinin-drano voahasina ary haka vovoka avy amin'ny tanin'ny tabernakely ny mpisorona. Aoka hanisy ny vovoka ao anatin'ilay rano izy.
[18]Ny mpisorona hametraka ilay vehivavy eo anatrehan'Andriamanitra ary hamaha ny volo eo an-dohan'ilay vehivavy. Hapetany eo amin'ny tanany ny fanatitra voa fahatsiarovana, izay fanatitra voan'ny ahiahy. Hitazona mafy ny rano mangidy izay mety hitondra ozona amin'ny tanany ny mpisorona. [19]Hametraka ilay vehivavy ho ambanin'ny fianianana ny mpisorona ary hilaza aminy hoe: "Raha mbola tsy nisy lehilahy hafa nanao firaisana ara-nofo taminao, ary raha tsy naniasia sy nanao fahalotoana, dia afaka amin'ity rano mangidy izay mety hitondra ozona ity.
[20]Fa raha ianao, izay vehivavy voafatotry ny vadiny, no efa naniasia, ary raha voaloto ianao, ary raha nisy lehilahy hafa niara-nandry taminao, [21]dia, (tsy maintsy ny mpisorona no mampanao fianianana izay afaka mitondra ny ozona aminy amin'ilay vehivavy, ary dia tsy maintsy hanoy resaka amin'ilay vehivavy izy) 'Yaveh hanao anao anaty ozona izay haseho

amin'ny vahoakanao ho toy izany. Dia hitranga izany raha ataon'i Yaveh mihalò ny fenao ary mivonto ny kibonao. [22]Ity rano izay mitondra ozona ity dia hiditra ao amin'ny vavoninao ary hampivonto ny kibonao ary harary ireo fenao.' Dia aoka hamaly ravehivavy hoe: "Eny, avelao hiseho izany raha meloka aho.'
[23]Aoka hanoratra ireto ozona ireto ao amin'ny horonan-taratasy ny mpisorona, ary aoka hodioviny ao amin'ny rano mangidy ireo ozona voasoratra.
[24]Aoka hampisotro ny rano mangidy izay mitondra ozona ho an'ny vehivavy ny mpisorona. Ilay rano izay mitondra ozona dia hiditra ao aminy ary hanjary hangidy. [25]Aoka hanala fanatitra voan'ny hasarotam-piaro amin'ny tanan'ny vehivavy izy. Aoka hitazona ny fanatitra voa eo anatrehan'i Yaveh ary hitondra izany eo amin'ny alitara izy. [26]Aoka haka fanatitra voa eran'ny tanana ho fanatitra fanehoana ny mpisorona, ary handoro izany eo amin'ny alitara. Dia aoka homeny ny vehivavy ny rano tena mangidy mba hosotroina.
[27]Rehefa omeny azy ny rano ho sotroina, raha voaloto satria efa nanota tamin'ny vadiny izy, dia hiditra aminy ny rano izay mitondra ozona ary lasa hangidy. Hivonto ny kibony ary harary ny feny. Ho voaozona eo amin'ny olony ilay vehivavy. [28]Fa raha tsy voaloto kosa ilay vehivavy ary raha madio izy, dia tsy maintsy ho afahana. Ary afaka hanana anaka izy.
[29]Izany no lalàn'ny hasarotam-piaro. Izany no lalàna ho an'ny vehivavy izay mania amin'ny vadiny ary voaloto. [30]Izany no lalàna ho an'ny lehilahy manana ny fanahin'ny hasarotam-piaro rehefa saro-piaro amin'ny vadiny izy. Aoka izy hitondra ny vehivavy eo anatrehan'i Yaveh, ary aoka ny mpisorona hanao aminy izay rehetra voafaritr'io lalànan'ny hasarotam-piaro io.
[31]Ary dia ho afaka amin'ny fahamelohana ny amin'ny fitondrana ny vadiny teo amin'ny mpisorona ny lehilahy. Aoka hitondra ny heloka izay mety hananany ilay vehivavy."

6 [1]Yaveh niteny tamin'i Mosesy. Hoy Izy hoe: [2]"Mitenena amin'ny vahoakan'i Israely. Lazao amin'izy ireo hoe: 'Raha misy lehilahy na vehivavy mitokan-tena ho an'i Yaveh amin'ny voady manokan'ny Nazirita, [3]dia aoka hifady divay na zava-pisotro mahery izy. Aoka tsy hisotro vinaingitra natao tamin'ny divay na tamin'ny zava-pisotro mahery izy. Aoka tsy hisotro ranom-boaloboka izy na hihinana voaloboka tsara na voaloboka maina. [4]Amin'ny andro rehetra izay hitokanany ho Ahy, dia aoka tsy hihinana na inona na inona izay vita amin'ny voaloboka izy, anisan'izany ny zavatra rehetra vita hatramin'ny voany ka hatramin'ny hodiny.
[5]Mandritra ny fotoan'ny voadim-pitokanany rehetra, dia tsy hisy hareza hampiasaina amin'ny lohany mandra-pahatapitry ny andron'ny fitokanany ho an'i Yaveh. Aoka hatokana ho an'i Yaveh izy. Aoka hamela ny volony hihalava amin'ny lohany izy.
[6]Mandritra ny fotoana rehetra izay hitokanany ho an'i Yaveh, dia aoka tsy hanakaiky faty izy. [7]Aoka tsy handoto ny tenany izy eny fa na dia ho an'ny rainy, reniny, rahalahiny, na anabaviny aza, raha maty ireo. Izany dia satria efa nitokana ho an'Andriamanitra izy, izay hitan'ny olona amin'ny halavan'ny volony. [8]Mandritra ny fotoan'ny fitokanany rehetra dia masina izy, voatokana ho an'i Yaveh.
[9]Raha misy olona maty tampoka eo akaikiny ka mandoto ny lohany voamasina, dia aoka hanaratra ny lohany izy amin'ny andron'ny fanadiovana azy—amin'ny andro fahafito no tsy maintsy hanaratany izany.
[10]Amin'ny andro fahavalo dia aoka hitondra voromailala roa na zana-boromailala roa ho an'ny mpisorona eo amin'ny fidirana mankao amin'ny trano-lay fihaonana izy. [11]Aoka hanolotra vorona iray ho fanatitra nohon'ny ota ary iray hafa ho fanatitra dorana ny mpisorona. Ireo dia hanonitra azy satria nanota tamin'ny naha-teo akaikin'ny faty azy izy. Aoka hanamasina ny lohany indray izy amin'izany andro izany.
[12]Aoka hanoka-tena ho an'i Yaveh mandritra ny andron'ny fanamasinana azy izy. Aoka hitondra zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra noho ny heloka izy. Ny andro nialohan'ny nandotoany ny tenany dia aoka tsy hisaina, satria nolotoina ny fahamasinany.
[13]Izany no lalàna momba ny Nazirita rehefa feno ny fotoan'ny fitokanany. Aoka ho entina eo amin'ny fidirana mankao amin'ny trano-lay fihaonana izy. [14]Aoka hanolotra ny fanatiny ho an'i Yaveh izy. Aoka hanolotra zanak'ondry lahy herintaona sady tsy misy kilema ho fanatitra dorana izy. Aoka hanolotra zanak'ondry vavy herintaona sady tsy misy kilema ho fanatitra noho ny ota izy. Aoka hitondra ondrilahy izay tsy misy kilema ho fanati-pihavanana izy. [15]Aoka hitondra mofo tsy misy lalivay eran'ny harona, mofo vita amin'ny kobam-bary tsara toto miharo menaka, mofo manify tsy misy lalivay natsoboka tao amin'ny menaka, miaraka amin'ny fanatitra hohanina sy fanatitra sotroina ihany koa izy.
[16]Aoka hanolotra ireo eo anatrehan'i Yaveh ny mpisorona. Aoka hanolotra ny fanatitra noho ny otany sy ny fanatitra dorany izy. [17]Miaraka amin'ny mofo tsy misy masirasira eran'ny harona, no aoka hanolorany ny ondrilahy ho sorona, dia ny fanati-pihavanana ho an'i Yaveh. Aoka hanolotra ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra sotroina ihany koa ny mpisorona.
[18]Aoka hanaratra ny lohany ilay Nazirita ho fanehoana ny fitokanany ho an'Andriamanitra eo amin'ny fidirana mankao amin'ny trano-lay fihaonana. Aoka haka ny volo eo an-dohany izy ka handefa izany ao anaty afo izay ao ambanin'ny sorona ho fanati-pihavanana.
[19]Aoka haka ny soroky ny ondrilahy mangotraka, singa-mofo tsy misy lalivay ao amin'ny harona, ary mofo manify tsy misy lalivay iray ny mpisorona. Aoka hametraka ireo eo an-tanan'ilay Nazirita izy rehefa avy nanaratra ny lohany

hanehoana ny fitokanany izy. [20]Ny mpisorona dia aoka hanevaheva ireo ho fanatitra eo anatrehan'i Yaveh, anjara masin'ny mpisorona, miaraka amin'ny tratra izay nahevaheva sy ny fe izay natolotra ho an'ny mpisorona. Aorian'izay, dia afaka misotro divay ilay Nazirita.
[21]Izany no lalàna ho an'ny Nazirita izay mivoady hitondra ny fanatiny ho an'i Yaveh ho an'ny fitokanany. Na inona na inona mety omeny, dia aoka hitandrina ireo adidin'ny voady nataony izy, mba hitàna ny fampanantenana lazain'ny lalàna ho an'ny Nazirita.'"
[22]Niteny tamin'i Mosesy indray Yaveh. Hoy Izy: [23]"Mitenena amin'i Arona sy ireo zanany lahy. Lazao hoe: 'Tsofinareo rano amin'izao fomba izao ny vahoakan'i Israely. Lazaonao amin'izy ireo hoe: [24]"Hitahy anao sy hiaro anao anie Yaveh.
[25]Hampamirapiratra ny tavany aminao sy hamindra fo aminao anie Yaveh. [26]Hijery anao amim-pankasitrahana sy hanome fiadanana anao anie Yaveh.'" [27]Amin'izany fomba izany no tsy maintsy hametrahan'izy ireo ny anarako eo amin'ny vahoakan'ny Israely. Dia hitahy azy ireo Aho."

7 [1]Tamin'ny andro nahavitan'i Mosesy ny tabernakely, dia nosorany izany ary natokany ho an'i Yaveh, niaraka tamin'ny fanaka rehetra. Nataony toy izany koa ny alitara sy ny fanaka rehetra. Nosorany izany ary natokany ho an'i Yaveh.
[2]Tamin'izany andro izany dia nanolotra sorona ireo mpitarik'Israely, sy ireo lohan'ny fianakavian'ny razambeny. Ireo lehilahy ireo no nitarika ny foko. Izy ireo no nanara-maso ny fanisana ny olona tamin'ny fanisam-bahoaka. [3]Nentin'izy ireo teo anatrehan'i Yaveh ny fanatitr'izy ireo. Nitondra sarety misarona enina sy omby roa ambin'ny folo izy ireo, ary ny mpitarika tsirairay dia nitondra omby iray. Nitondra sarety iray isaky ny mpitarika roa avy izy ireo, ary ny mpitarika tsirairay dia nitondra omby iray avy. Naterin'izy ireo teo anatrehan'ny tabernakely ireo zavatra rehetra ireo.
[4]Dia niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh. Hoy Izy hoe: [5]"Ekeo ny fanatitra avy amin'izy ireo ary ampiasao ho amin'ny asa ao amin'ny trano-lay fihaonana ny fanatitra. Omeo an'ireo Levita ireo fanatitra, dia amin'ny tsirairay araka ny ilain'izy ireo amin'ny asany avy."
[6]Nalain'i Mosesy ireo sarety sy ireo omby, ary nomeny an'ireo Levita. [7]Nanome sarety roa sy omby efatra ho an'ny taranak'i Gersona izy, nohon'ny filan'izy ireo amin'ny asany. [8]Nanome sarety efatra sy omby valo ho an'ny taranak'i Merary izy, ho eo amin'ny fiahian'i Itamara zanak'i Arona mpisorona. Nataony izany noho izay notakian'ny asan'izy ireo.
[9]Fa tsy nanome na inona na inona tamin'ireo zavatra ireo ho an'ny taranak'i Kehata izy, satria ny azy ireo dia asa mifandraika amin'ny zavatra izay an'i Yaveh izay ho lanjainy eo an-tsorony.
[10]Nanolotra ireo fanomezany ireo mpitarika mba ho an'ny fanokanana ny alitara tamin'ny andro izay nanosoran'i Mosesy ny alitara. Nanolotra ny sorony teo anoloan'ny alitara ireo mpitarika. [11]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Aoka ny mpitarika tsirairay hanolotra ny sorony amin'ny androny avy ho an'ny fanokanana ny alitara."
[12]Tamin'ny andro voalohany, dia Nasona zanak'i Aminadaba, avy amin'ny fokon'i Joda, no nanolotra ny sorony. [13]Ny sorony dia lovia volafosty iray milanja sekely 130 sy lovia jobo iray milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Ireo zavatra ireo dia samy feno divay sy lafarina tsara toto miharo menaka hatao fanatitra hohanina. [14]Nanome lovia volamena iray milanja sekely folo sady feno ditin-kazo manitra izy.
[15]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona, ho fanatitra dorana izy. [16]Nanome osilahy ho fanatitra nohon'ny ota izy. [17]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy dimy izay herintaona, ho sorona hatao fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Nasona zanak'i Aminadaba.
[18]Tamin'ny andro faharoa, Netanela zanak'i Zoara, mpitarik'i Isakara, no nanolotra ny sorony. [19]Nanolotra lovia volafotsy milanja sekely 130 sy lovia jobo milanja sekely fitopolo izy ho sorony, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara toto miharo menaka ho fanatitra hohanina ireo zavatra ireo.
[20]Nanome lovia volamena milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy. [21]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona, ho fanatitra dorana ihany koa izy. [22]Nanome osilahy iray ho fanatitra nohon'ny ota izy. [23]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy izay herintaona, ho sorona hatao fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Netanela zanak'i Zora.
[24]Tamin'ny andro fahatelo, Eliaba zanak'i Helona, mpitarika ireo taranak'i Zebolona, no nanolotra sorona. [25]Ny sorony dia lovia volafotsy iray milanja sekely 130, ary lovia jobo iray milanja sekely fitopolo araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara toto miharo menaka ho an'ny fanatitra hohanina ireo zavatra ireo. [26]Nanome lovia volamena milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy.
[27]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra dorana izy. [28]Nanome osilahy iray ho fanatitra nohon'ny ota izy. [29]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy dimy izay herintaona, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Eliaba zanak'i Helona.
[30]Tamin'ny andro fahefatra, Elizora zanak'i Sedeora, mpitarika ireo taranak'i Robena, no nanolotra ny sorony. [31]Ny sorony dia lovia volafotsy milanja sekely 130 sy lovia jobo iray milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara toto miharo menaka ho fanatitra hohanina ireo zavatra ireo. [32]Nanome lovia volamena iray milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy.
[33]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondy iray, ary zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra dorana izy. [34]Nanome osilahy ho fanatitra nohon'ny ota izy. [35]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy dimy izay herintaona, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Elizora zanak'i Sedora.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[36]Tamin'ny andro fahadimy, Selomiela zanak'i Zorisaday, mpitarika ny taranak'i Simeona, no nanolotra ny sorony. [37]Ny sorony dia lovia volafotsy milanja sekely 130 sy lovia jobo milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara toto miharo menaka ho fanatitra hohanina ireo zavatra ireo. [38]Nanome lovia volamena milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy.
[39]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra dorana izy. [40]Nanome osilahy iray ho fanatitra nohon'ny ota izy. [41]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy izay herintaona, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Selomiela zanak'i Zorisaday.
[42]Tamin'ny andro fahenina, Eliasafa zanak'i Doela, mpitaraka ny taranak'i Gada, no nanolotra ny sorony. [43]Ny sorony dia lovia volafotsy iray milanja sekely 130 sy lovia jobo iray milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara toto miharo menaka ho fanatitra hohanina ireo zavatra ireo. [44]Nanome lovia volamena iray milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy.
[45]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra dorana izy. [46]Nanome osilahy iray ho fanatitra nohon'ny ota izy. [47]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy izay herintaona, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Eliasafa zanak'i Doela.
[48]Tamin'ny andro fahafito, Elisama zanak'i Amihoda, mpitarika ny taranak'i Efraima, no nanolotra ny sorony. [49]Ny sorony dia lovia volafotsy irsekely ay milanja 130 sy lovia jobo iray milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara toto miharo menaka ho fanatitra hohanina ireo zavatra ireo.
[50]Nanome lovia volamena milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy.
[51]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra dorana izy. [52]Nanome osilahy iray ho fanatitra nohon'ny ota izy. [53]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy izay herintaona, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Elisama zanak'i Amihoda.
[54]Tamin'ny andro fahavalo, Gamaliela zanak'i Pedazora, mpitarika ny taranak'i Manase, no nanolotra ny sorony. [55]Ny sorony dia lovia volafotsy milanja sekely 130 sy lovia jobo milanja sekely topolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara miharo menaka ho fanatitra hohanina ireo zavatra ireo. [56]Nanome lovia volamena milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy.
[57]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra dorana izy. [58]Nanome osilahy iray ho fanatitra nohon'ny ota izy. [59]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy izay herintaona, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Gamaliela zanak'i Pedazora.
[60]Tamin'ny andro fahasivy, Abidana zanak'i Gideony, mpitarika ny taranak'i Benjamina, no nanolotra ny sorony. [61]Ny sorony dia lovia volafotsy milanja sekely 130 sy lovia jobo milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara toto miharo menaka ho fanatitra hohanina ireo zavatra ireo. [62]Nanome lovia volamena milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy.
[63]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra dorana izy. [64]Nanome osilahy iray ho fanatitra nohon'ny ota izy. [65]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy izay herintaona, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Abidana zanak'i Gideony.
[66]Tamin'ny andro fahafolo, Ahiezera zanak'i Amisaday, mpitarika ny taranak'i Dana, no nanolotra ny sorony. [67]Ny sorony dia lovia volafotsy milanja sekely 130 sy lovia jobo milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara toto miharo menaka ho fanatitra hohanina ireo zavatra ireo. [68]Nanome lovia volamena milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy.
[69]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra dorana izy. [70]Nanome osilahy iray ho fanatitra nohon'ny ota izy. [71]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy izay herintaona, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Ahiezera zanak'i Amisaday.
[72]Tamin'ny andro fahiraika ambin'ny folo, Pagiela zanak'i Okrana, mpitarika ny taranak'i Asera, no nanolotra ny sorony. [73]Ny sorony dia lovia volafotsy milanja sekely 130 sy lovia jobo milanja sekely fitopol, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara toto miharo menaka ho fanatitra hohanina ireo zavatra ireo.
[74]Nanome lovia volamena milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy.
[75]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra dorana izy. [76]Nanome osilahy iray ho fanatitra nohon'ny ota izy. [77]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy izay herintaona, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Pagiela zanak'i Okrana.
[78]Tamin'ny andro faharoa ambin'ny folo, Ahira zanak'i Enana, mpitarika ny taranak'i Naftaly, no nanolotra ny sorony. [79]Ny sorony dia lovia volafotsy milanja sekely 130 sy lovia jobo milanja sekely fitopolo, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Samy feno lafarina tsara toto miharo menaka ho fanatitra hohanina ireo zavatra ireo. [80]Nanome lovia volamena milanja sekely folo, feno ditin-kazo manitra ihany koa izy.
[81]Nanome vantotr'ombilahy iray, ondry iray, ary zanak'ondry lahy herintaona ho fanatitra dorana izy. [82]Nanome osilahy iray ho fanatitra nohon'ny ota izy. [83]Nanome omby roa, ondry dimy, osilahy dimy, ary zanak'ondry lahy izay herintaona, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana izy. Izany no soron'i Ahira zanak'i Enana.
[84]Natokan'ireo mpitarika ny Israely tamin'ny andro nanosoran'i Mosesy ny alitara ireo zavatra ireo. Natokan'izy ireo ny lovia volafotsy roa ambin'ny folo, ireo lovia jobo roa ambin'ny folo, ary ireo lovia volamena roa ambin'ny folo. [85]Ny lovia volafotsy tsirairay dia samy nilanja sekely 130 avy ary ny lovia jobo dia nilanja sekely fitopolo avy. Ireo fanaka volafosty

rehetra dia nilanja sekely 2. 400, araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. [86]Ny tsirairay amin'ireo lovia volamena roa ambin'ny folo, feno ditin-kazo manitra, dia nilanja sekely folo araka ny sandan'ny lanjan'ny sekelin'ny toerana masina. Ny lovia volamena rehetra dia nilanja sekely 120.
[87]Natokan'izy ireo avokoa ireo biby ho fanatitra dorana, dia ombilahy roa ambin'ny folo, ondry roa ambin'ny folo, ary zanak'ondry lahy herintaona roa ambin'ny folo. Nomen'izy ireo ny fanatitra hohaniny. Nanome osilahy roa ambin'ny folo ho fanatitra nohon'ny ota izy ireo. [88]Nanome ombilahy efatra amby roapolo, ondry enimpolo, osilahy enimpolo, ary zanak'ondry lahy herintaona enimpolo avy tamin'ny biby fiompiny izy ireo, ho sorona ho an'ny fanati-pihavanana. Izany dia ho an'ny fanokanana ny alitara taorian'ny nanosorana azy.
[89]Rehefa niditra tao amin'ny trano-lay fihaonana mba hiresaka tamin'i Yaveh i Mosesy, dia nandre ny feony niteny taminy izy. Niteny taminy avy teo ambonin'ny saronam-panavotana teo amin'ny fiaran'ny vavolombelona, avy teo anelanelan'ny kerobima anankiroa Yaveh. Niresaka taminy Izy.

8 [1]Yaveh niresaka tamin'i Mosesy. Hoy Izy hoe: [2]"Miresaha amin'i Arona. Teneno aminy hoe: 'Tokony hanome hazavana eo anoloan'ny fitoeran-jiro ireo jiro fito rehefa mampirehitra ireo ianao.'"
[3]Nanao izany Arona. Nampirehitra ny jiro teo amin'ny fitoeran-jiro izy mba hanome hazavana eo anoloan'izany, araka ny efa nandidian'i Yaveh an'i Mosesy. [4]Tamin'izany fomba izany no nanaovana ny fitoeran-jiro ary Yaveh nampiseho an'i Mosesy ny lamina ho amin'izany. Izany dia volamena voatefy hatrany amin'ny fotony ka hatrany amin'ny tampony, niaraka tamin'ny vazy voasa tahaka ny voninkazo.
[5]Niresaka tamin'i Mosesy indray Yaveh. Hoy Izy hoe: [6]"Alaivo avy eo amin'ireo vahoakan'Israely ny Levita ary diovy izy ireo.
[7]Ataovy amin'izy ireo izao mba hanadiovana azy ireo: Afafazo eo amin'izy ireo ny ranon'ny fanavotana. Asaivo manaratra ny vatany manontolo, manasa ny fitafiany izy ireo, ary amin'izany fomba izany no hanadiovana ny tenan'izy ireo. [8]Ary asaivo maka vantotr'ombilahy sy fanatitra voa miaraka amin'ny koba tsara toto mifangaro menaka izy ireo. Aoka izy ireo haka vantotr'ombilahy iray hafa ho fanatitra nohon'ny ota.
[9]Hitondra ireo Levita eo alohan'ny trano-lay fihaonana sy hamory ny vondron'ny vahoakan'Israely rehetra ianao. [10]Rehefa mitondra ireo Levita eo anoloan'i Yaveh ianao, dia tsy maintsy mametraka ny tanany eo amin'ireo Levita ny vahoakan'Israely. [11]Tsy maintsy atolotr'i Arona eo anatrehan'i Yaveh ireo Levita, toy ny fanatitra ahevaheva avy amin'ny vahoakan'Israely mba hahafahan'izy ireo manao ny fanompoana an'i Yaveh.
[12]Tsy maintsy apetrak'ireo Levita eo amin'ny lohan'ireo omby ny tanany. Tsy maintsy manolotra omby iray ho an'ny fanatitra nohon'ny ota ary omby hafa ho an'ny fanatitra dorana ho Ahy ianao, mba hanonerana ho an'ireo Levita.
[13]Asehoy eo anoloan'i Arona sy eo anoloan'ny zanany lahy ireo Levita ary asandrato ho fanatitra ahevaheva ho Ahy.
[14]Amin'io fomba io no tsy maintsy hanasarahanao ireo Levita amin'ny vahoakan'ny Israely. Ho Ahy ireo Levita.
[15]Manaraka izany, tsy maintsy mandeha manompo ao an-trano lain'ny fihaonana ireo Levita. Tsy maintsy manadio azy ireo ianao. Tsy maintsy atolotrao toy ny fanatitra ahevaheva izy ireo.
[16]Ataovy izany, satria izy ireo dia Ahy tanteraka izay avy eo amin'ny vahoakan'Israely. Handray ny toeran'ny ankizy lahy tsirairay avy izay hateraka voalohany izy ireo, dia ny lahimatoan'ny taranak'Israely rehetra. Efa naka ireo Levita ho an'ny tenako Aho. [17]Ahy ny lahimatoa avy ao amin'ny vahoakan'Israely rehetra, mbamin'ny olona sy ny biby. Tamin'ny andro izay nakako ny ain'ny lahimatoa rehetra tao amin'ny tany Egypta, dia nanokana azy ireo ho Ahy Aho.
[18]Efa naka ireo Levita avy teo amin'ny vahoakan'Israely ho solon'ny lahimatoa rehetra Aho. [19]Efa nanome ireo Levita ho fanomezana ho an'i Arona sy ireo zanany lahy Aho. Efa naka azy ireo avy teo amin'ny vahoakan'Israely mba hanao ny asan'ny vahoakan'Israely ao amin'ny trano-lay fihaonana Aho. Efa nanome azy ireo ho fanavotana ho an'ny vahoakan'Israely Aho mba tsy hisy areti-mandringana hamely ny vahoaka raha vao manakaiky ny toerana masina izy ireo."
[20]Mosesy, Arona, ary ny vondron'ny vahoakan'Israely manontolo nanao izany tamin'ireo Levita. Nanatanteraka ireo zavatra rehetra nandidian'i Yaveh an'i Mosesy ny amin'ireo Levita izy ireo. Nanao izany niaraka tamin'izy ireo ny vahoakan'Israely. [21]Nanadio ny tenany sy nanasa ny fitafiny ireo Levita, ary Arona nanolotra azy ireo ho fanatitra ahevaheva ho an'i Yaveh sy nanao fanavotana ho azy ireo mba hanadiovana azy ireo.
[22]Manaraka izany, nandeha nanao ny fanompoana tao amin'ny trano-lay fihaonana manoloana an'i Arona sy ny zanaka lahin'i Arona ireo Levita. Tahaka izany no nandidian'i Yaveh an'i Mosesy mahakasika ireo Levita. Izany no fomba nitondrany ireo Levita rehetra.
[23]Niresaka tamin'i Mosesy indray Yaveh. Hoy Izy hoe: [24]"Izao rehetra izao dia ho an'ny Levita izay dimy amby roapolo taona no ho mihoatra. Tsy maintsy miaraka amin'ny mpanompo mba hanompo ao amin'ny trano-lay fihaonana izy ireo.
[25]Tsy maintsy mitsahatra amin'ny fanompoana amin'izany fomba izany izy ireo rehefa feno dimampolo taona. Amin'izany taona izany dia tsy mahazo manompo intsony izy ireo. [26]Afaka manampy ireo rahalahiny izay manohy ny asa ao amin'ny trano-lay fihaonana izy ireo, nefa tsy afaka manompo intsony. Tsy maintsy mitarika ireo Levita amin'ireo raharaha rehetra ireo ianao."

9 [1]Ary Yaveh niteny tamin'i Mosesy tany an'efitr'i Sinay, tamin'ny volana voalohany tamin'ny taona faharoa taorian'ny
nivoahan'izy ireo ny tany Egypta. Hoy Izy hoe: [2]"Aoka ny vahoakan'ny Israely hitandrina ny Paska amin'ny fotoana
raikitra amin'ny taona. [3]Amin'ny harivan'ny andro fahefatra ambin'ny folo amin'ity volana ity, no tsy maintsy
hitandremanao ny Paska amin'ny fotoana raikitra amin'ny taona. Hitandrina izany ianao, araho ny didy amam-pitsipika
rehetra, ary ankatoavy ny didy rehetra izay mifandraika amin'izany."
[4]Koa, niteny tamin'ny vahoakan'ny Israely i Mosesy fa tokony hitandriana ny firavoravoan'ny Paska izy ireo. [5]Dia
nitandrina ny Paska tamin'ny volana voalohany izy ireo, tamin'ny andro fahefatra ambin'ny folon'ny volana, tamin'ny
hariva, tany an'efitr'i Sinay. Nankatoa ny zavatra rehetra izay nandidian'i Yaveh hataon'i Mosesy ny vahoakan'ny Israely.
[6]Ary nisy olona sasany naloto tamin'ny fatin'ny olona iray. Tsy afaka nitandrina ny Paska tamin'izany andro izy ireo. Dia
nankeo anatrehan'i Mosesy sy Arona izy ireo tamin'izany andro izany. [7]Hoy ireo olona ireo tamin'i Mosesy hoe: "Maloto
nohon'ny fatin'olona izahay. Nahoana no tsy avelanao hanatitra sorona ho an'i Yaveh amin'ny fotoana raikitra amin'ny
taona eo amin'ny vahoakan'ny Israely izahay?" [8]Hoy Mosesy tamin'izy ireo: "Andraso aloha aho hihaino izay handidian'i
Yaveh ny aminareo."
[9]Niteny tamin'i Mosesy i Yaveh. Hoy izy hoe: [10]"Mitenena amin'ny vahoakan'ny Israely. Lazao hoe, 'Raha misy maloto eo
aminareo na ny taranakareo nohon'ny fatin'olona, na amin'ny dia lavitra, dia tsy afaka mitandrina ny Paska ho an'i Yaveh
izy ireo.'
[11]Aoka hitandrina ny Paska amin'ny harivan'ny andro fahefatra ambin'ny folo amin'ny volana faharoa izy ireo. Mofo tsy
misy masirasira sy anana mangidy no tsy maintsy hihinanany izany. [12]Tsy tokony hamela izany mandra-maraina izy ireo,
na hanapaka ny taolany. Aoka hanaraka ny didy amam-pitsipika rehetra amin'ny Paska izy ireo.
[13]Fa ny olona izay madio sy tsy nandia lavitra, nefa tsy mitandrina ny Paska, izany olona izany dia hofongorana tsy ho eo
amin'ny olony satria tsy nanatitra ny fanatitra izay takian'i Yaveh amin'ny fotoana raikitra amin'ny taona izy. Izany olona
izany dia hilanja ny helony. [14]Raha misy vahiny monina eo aminao ary mitandrina ny Paska ho voninahitr'i Yaveh, aoka
izy hitandrina izany sy hanao ireo didiny rehetra, ary hankatoa ireo fitsipiky ny Paska, ary mankatoa ny lalàna
amin'izany. Aoka hanana lalàna mitovy ho an'ireo vahiny sy ny rehetra izay efa teraka ao amin'ilay tany ianao."
[15]Tamin'ny andro nametrahana ny tabernakely, ny rahona nandrakotra ny tabernakely, ilay lain'ny lalàn'ny fanekena.
Tamin'ny hariva ny rahona dia teo ambonin'ny tabernakely. Niseho toy ny afo mandra-maraina izany. [16]Nitohy
tahak'izany foana izany. Nandrakotra ny tabernakely ny rahona ary niseho ho toy ny afo amin'ny alina. [17]Na oviana na
oviana ny rahona no nampiakarina avy teo amin'ny lay, dia niainga tamin'ny diany ny vahoakan'Israely. Na taiza na taiza
no nijanonan'ny rahona, dia nitoby teo ny vahoakan'ny Israely.
[18]Araka ny didin'i Yaveh, ny vahoakan'ny Israely dia nandeha, ary tamin'ny didiny, no nitobian'izy ireo. Raha nijanona teo
ambonin'ny tabernakely ny rahona, dia nijanona tany amin'ny tobiny izy ireo. [19]Rehefa nitoetra andro maro teo amin'ny
tabernakely ny rahona, dia nankatoa ny toro-lalan'i Yaveh izy ireo ary tsy nandeha.
[20]Indraindray ny rahona dia nitoetra andro vitsy teo amin'ny tabernakely. Tamin'izany toe-javatra izany, dia nankatoa ny
didin'i Yaveh izy ireo—nitoby ary nanohy ny diany indray tamin'ny didiny. [21]Indraindray ny rahona dia nijanona nitoby
hatramin'ny hariva ka mandra-maraina. Raha niakatra ny maraina ny rahona, dia nandeha izy ireo. Raha nitohy ny
andro na ny alina izany, dia rehefa niakatra ihany ny rahona vao nanohy nandeha izy ireo.
[22]Na indroa andro, na iray volana, na herintaona no nijanonan'ny rahona teo ambonin'ny tabernakely, raha mbola
nijanona teo koa izany, dia nijanona tao an-tobiny ary tsy nandeha ny vahoakan'Israely. Fa isaky ny nakarina ny rahona,
dia nanainga tamin'ny diany izy ireo. [23]Nitoby araka ny didin'i Yaveh izy ireo. Nankatoa ny didin'i Yaveh izay nomena avy
tamin'i Mosesy izy ireo.

10 [1]Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh. Hoy Izy: [2]"Manaova trompetra volafotsy roa. Amin'ny tefy tanana no hanaovanao
ny volafotsy. Tsy maintsy mampiasa ireo trompetra ianao hiantsoana ny fiangonana miaraka sy hiantsoana ny
fiangonana hamindra ny tobin'izy ireo.
[3]Ireo mpisorona dia tsy maintsy hitsoka ireo trompetra mba hiantsoana ny fiangonana rehetra hitambatra eo anoloanao
eo amin'ny fidirana mankao amin'ny trano-lay fihaonana. [4]Raha trompetra iray ihany no tsofin'ireo mpisorona, dia hivory
eo aminao ireo mpitarika, ireo lohan'ny fokon'Israely. [5]Rehefa mitsoka famantarana mafy ianareo, dia hanomboka ny
dian'izy ireo ny toby any atsinanana.
[6]Rehefa mitsoka ny fanairana mafy fanindroany ianareo, dia hanomboka ny dian'izy ireo ny toby any atsimo. Tsy maintsy
mitsoka fanairana mafy ho an'ny diany izy ireo. [7]Rehefa mivory miaraka ny fiangonana, dia tsofy ireo trompetra, fa tsy
mafy loatra. [8]Ireo zanaka lahin'i Arona, ireo mpisorona, no tsy maintsy mitsoka ireo trompetra. Izany dia ho lalàna
mandrakariva ho anareo hatramin'ny taranak'ireo vahoakanao.
[9]Rehefa mandeha miady any amin'ny taninareo hanohitra ny mpifanandrina izay mampahory anareo ianareo, dia tsy
maintsy hampaneno fanairana amin'ireo trompetra. Izaho, Yaveh Andriamanitrareo, no hahatsiaro anareo ka hamonjy
anareo amin'ireo fahavalonareo.
[10]Ary koa, amin'ireo fotoanan'ny fankalazana, dia ireo firavoravoana mahazatra sy amin'ireo fiandohan'ireo volana, dia
tsy maintsy hitsoka ireo trompetra ianareo ho fankalazana ny fanatitra doranareo sy ireo sorona hafa ho an'ny fanati-
pihavananareo. Hatao izany ho fahatsiarovanareo Ahy, ilay Andriamanitrareo. Izaho no Yaveh Andriamanitrareo."

[11]Tamin'ny taona faharoa, tamin'ny volana faharoa, tamin'ny andro faha roapolon'ny volana, dia niakatra avy eo amin'ny tabernakelin'ny lalàn'ny fanekena ny rahona. [12]Nanohy ny diany niala tany an'efitr'i Sinay ny vahoakan'Israely. Nijanona teo amin'ny efitr'i Parana ny rahona. [13]Nanao ny dian'izy ireo voalohany, araka ny didin'i Yaveh izay nomeny tamin'ny alalan'i Mosesy izy ireo.
[14]Ny toby ambanin'ny fanevan'ny taranak'i Joda no nivoaka voalohany, namoaka ireo fiadiany avy. Nasona zanaka lahin'i Aminadaba nitarika ny tafik'i Joda. [15]Netanela zanaka lahin'i Zoara nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'Isakara. [16]Eliaba zanaka lahin'i Helona nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Zebolona.
[17]Ireo taranak'i Gersona sy Merary, izay niandraikitra ny tabernakely, dia nampidina ny tabernakely ary nianga tamin'ny dian'izy ireo. [18]Avy eo, ireo tafika teo ambanin'ny fanevan'ny tobin'i Robena dia niainga. Elizora zanaka lahin'i Sedeora nitarika ny tafik'i Robena. [19]Selomiela zanaka lahin'i Zorisaday nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Simeona. [20]Eliasafa zanaka lahin'i Doela nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Gada.
[21]Niainga ireo Kehatita. Nitondra ny fitaovana masina tao amin'ny fitoerana masina. Ny sasany dia nanangana ny tabernakely mialohan'ny nahatongavan'ny Kehatita teo amin'ny toby manaraka. [22]Ireo tafika teo ambanin'ny fanevan'ny taranak'i Efraima no niainga nanaraka. Elisama zanaka lahin'i Amihoda nitarika ny tafik'i Efraima. [23]Gamaliela zanaka lahin'i Pedazora nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Manase. [24]Abidana zanaka lahin'i Gideony nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Benjamina.
[25]Ireo tafika izay nitoby teo ambany fanevan'ny taranak'i Dana no niainga farany. Ahiezera zanaka lahin'i Amisaday nitarika ny tafik'i Dana. [26]Pagiela zanaka lahin'i Okrana nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Asera. [27]Ahira zanaka lahin'i Enana nitarika ny tafiky ny fokon'ny taranak'i Naftaly. [28]Tamin'izany fomba izany no niaingan'ireo tafiky ny vahoakan'Israely tamin'ny diany.
[29]Niresaka tamin'i Hobaba zanaka lahin'i Regoela Midianita i Mosesy. Regoela no rain'ny vadin'i Mosesy. Niresaka tamin'i Hobaba i Mosesy ka niteny hoe: "Andeha hankany amin'ny toerana izay nofaritan'i Yaveh izahay. Hoy Yaveh: 'Homeko anareo izany.' Ndeha hiaraka aminay dia hanaovanay soa ianareo. Yaveh efa nampanantena ny hanao soa ny Israely."
[30]Fa hoy Hobaba tamin'i Mosesy: "Tsy andeha hiaraka aminao aho. Handeha ho any amin'ny taniko sy ny oloko aho."
[31]Ary dia namaly Mosesy hoe: "Aoka re mba tsy handao anay ianao. Ianao mahalala ny hitobiana any an'efitra. Tokony hitandrina anay ianao. [32]Raha andeha hiaraka aminay ianao, dia hataonay aminao araka ny soa izay nataon'i Yaveh taminay."
[33]Nandeha niala ny tendrombohitr'i Yaveh nandritra ny telo andro izy ireo. Ny fiaran'ny faneken'i Yaveh nandeha teo alohan'izy ireo nandritra ny hateloana mba hitady toerana hialana sasatra ho azy ireo. [34]Ny rahon'i Yaveh dia teo ambonin'izy ireo tamin'ny andro raha nandeha izy ireo.
[35]Rehefa miainga ny fiara, dia miteny Mosesy hoe: "Mitsangàna, ry Yaveh. Ahelezo ireo fahavalonao. Ampandosiro hiala eo Aminao izay mankahala Anao." [36]Rehefa mijanona ny fiara, dia miteny Mosesy hoe: "Miverena, ry Yaveh, amin'ny Israely an'aliny maro."

11 [1]Ary nitaraina momba ny olan'izy ireo ny vahoaka raha nihaino Yaveh. Nandre ireo olona Yaveh ka nanjary tezitra. Nisy afon'i Yaveh nandoro azy ireo ary nandevona ny sasany tamin'ireo toby teny amorony. [2]Avy eo dia niantso an'i Mosesy ireo vahoaka, koa dia nivavaka tamin'i Yaveh i Mosesy, ary nitsahatra ny afo. [3]Nantsoina hoe Tabera izany toerana izany, satria nirehitra teo amin'izy ireo ny afon'i Yaveh.
[4]Nanomboka niara-nitoby tamin'ny taranak'Israely ny sasany tamin'ireo hafa firenena. Naniry ny hihinana sakafo tsara kokoa izy ireo. Ary nanomboka nitomany ireo vahoakan'Israely ka nanao hoe: "Iza no hanome sakafo hohaninay?
[5]Tsaroanay ny trondro izay nohaninay maimaimpoana tany Egypta, ireo kaokaombra, ireo voatavo, ireo tongolo raviny, ireo tongolo, ary ny tongolo gasy. [6]Ankehitriny lasa ny homantsika, satria ny hany hitantsika dia ity mana ity."
[7]Ny mana dia toy ny voan-drafy. Miendrika toy ny dinti-kazo izany. [8]Nandeha niodidina ireo olona ary nanangona izany. Nototoin'izy ireo tamin'ny fikosoham-bary izany, nototoina tamin'ny laona, nampangotrahina tao anaty vilany, ary natao mofomamy. Nitovy tsiro tamin'ny menaka oliva vaovao izany.
[9]Rehefa nilatsaka teo amin'ny toby ny ranon'ando ny alina, dia nilatsaka ihany koa ny mana. [10]Nandre ireo olona nitomany tao amin'ny fianakavian'izy ireo Mosesy, ary ny lehilahy rehetra dia teo amin'ny fidirana ho any amin'ny lainy. Tezitra mafy Yaveh, ary diso teo imason'i Mosesy ny fitarainan'izy ireo.
[11]Hoy Mosesy tamin'i Yaveh hoe: "Nahoana Ianao no mampijaly ny mpanomponao? Nahoana Ianao no tsy faly amiko? Nampilanjanao ny enta-mavesatr'ireo olona rehetra ireo aho. [12]Izaho ve no namorona ireo olona rehetra ireo? Izaho ve no niteraka azy ireo no hilazanao amiko hoe: 'Trotroy eo an-tratranao toy ny fitrotron'ny ray zaza izy ireo?' Tokony hitondra azy ireo any amin'ilay tany izay nampanantenainao homena ny razamben'izy ireo ve aho?
[13]Aiza no ahitako sakafo omena ity vahoaka rehetra ity? Mitomany eo anoloako izy ireo ary miteny hoe: 'Omeo sakafo ho hanina izahay.' [14]Tsy afaka ny hilanja ireo olona ireo irery aho. Be loatra ho ahy izy ireo. [15]Satria entinao tahaka izany aho, dia vonoy aho anio, raha tia ahy Ianao, ary esory amiko ny fahoriako."
[16]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Hitondray loholon'Israely fito-polo Aho. Ataovy azo antoka fa loholona sy manam-boninahitry ny vahoaka tokoa izy ireo. Ento ao amin'ny trano-lay fihaonana izy ireo mba hiara-hijoro aminao. [17]Hidina

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ary hiresaka aminareo any Aho. Haka ny sasany amin'ireo Fanahy izay ao aminao Aho ary hametraka izany amin'izy ireo. Hiara hilanja ny enta-mavesatr'ireo vahoaka hiaraka aminao izy ireo. Tsy hitondra izany irery ianao.
[18]Lazao amin'ireo vahoaka hoe: 'Manokàna tena ianareo, ho amin'ny rahampitso ary hihinana hena tokoa ianareo, satria nitomany ianareo ary henon'i Yaveh. Ianao nilaza hoe: "Iza no hanome hena hohaninay? Tsara taminay ny tany Egypta." Noho izany Yaveh dia hanome sakafo ho anareo, ary hihinana izany ianareo. [19]Tsy hihinana sakafo mandritra ny iray andro, roa andro, dimy andro, folo andro, na roa-polo andro fotsiny ianareo, [20]fa hihinana sakafo mandritra ny iray volana manontolo mandra-pivoakan'izany eny amin'ny lavak'oronareo. Hahatsiravina anareo izany satria nandà an'i Yaveh, izay eo aminareo ianareo. Nitomany teo anatrehany ianareo. Hoy ianareo hoe: "Nahoana izahay no nandao an'i Egypta?"'"
[21]Ary hoy Mosesy hoe: "Miaraka amin'ny olona 600. 000 aho, ary hoy Ianao hoe: 'Hanome sakafo ho hanina ho azy ireo Aho mandritra ny iray volana.' [22]Tokony hamono ireo ondry aman'osy sy ny omby ve izany izahay hampifaliana azy ireo? Tokony hanjono ny trondro rehetra ao anaty ranomasina ve izahay mba hampifaliana azy ireo?" [23]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Fohy ve ny tanako? Izao dia ho hitanao raha marina ny teniko na tsia."
[24]Nivoaka Mosesy ary nilaza tamin'ireo vahoaka ny tenin'i Yaveh. Nanangona loholona fito-polo tamin'ireo vahoaka izy ary nandahatra azy ireo nanodidina ny lay. [25]Nidina avy eny amin'ny rahona Yaveh ary niresaka tamin'i Mosesy. Naka ny Fanahy sasany izay tao amin'i Mosesy i Yaveh ary nametraka izany teo amin'ireo loholona fito-polo. Rehefa nitoetra tao amin'izy ireo ilay Fanahy, dia naminany izy ireo, saingy tamin'io fotoana io ihany fa tsy niverina intsony.
[26]Lehilahy roa no nijanona tao amin'ny toby, nantsoina hoe Eldada sy Medada. Nitoetra tao amin'izy ireo ihany koa ilay Fanahy. Ny anaran'izy ireo dia voasoratra tao amin'ny lisitra, saingy tsy nivoaka ny lay izy ireo. Na dia izany aza, naminany tao amin'ny toby izy ireo. [27]Nisy tovolahy iray tao amin'ilay toby nihazakazaka ary niteny tamin'i Mosesy hoe: "Eldada sy Medada dia maminany ao amin'ny toby."
[28]Josoa zanaka lahin'i Nona, mpanampin'i Mosesy, iray tamin'ireo lehilahy voafidiny, dia niteny tamin'i Mosesy hoe: "Ry Mosesy tompoko, sakano izy ireo." [29]Hoy Mosesy taminy hoe: "Saropiaro nohon'ny amiko ve ianao? Maniry aho raha mba mpaminany avokoa ny vahoakan'i Yaveh rehetra ary hametraka ny Fanahiny amin'izy rehetra ireo Izy!" [30]Avy eo Mosesy sy ireo loholon'Israely niverina tao amin'ny toby.
[31]Avy eo dia nisy rivotra tonga avy any amin'i Yaveh ary nitondra papelika avy any anaty ranomasina. Nianjera teo akaikin'ny toby ireo, teo amin'ny lalana iray andro tany amin'ny andaniny ary lalana iray andro tany amin'ny ankilany. Nanodidina ny toby ireo papelika teo amin'ny roa akiho ambonin'ny tany. [32]Sahirana ireo olona nanangona ireo papelika tamin'izany andro izany, ny alina manontolo, ary ny andro manaraka. Tsy nisy nanangona papelika latsaky ny folo homera. Nizara ireo papelika nanerana ny toby rehetra izy ireo.
[33]Raha mbola teo anelanelan'ny nifin'izy ireo ny sakafo, raha mbola nitsako izany izy ireo, dia tezitra tamin'izy ireo Yaveh. Namely ireo olona tamin'ny aretina lehibe Izy. [34]Nantsoina hoe Kibrota Hatava izany toerana izany satria tao no nandevenan'izy ireo ny olona izay naniry hena fatratra. [35]Niainga avy any Kibrota Havata ireo olona mba ho any Hazerota, izay nijanonan'izy ireo.

12 [1]Avy eo Myriama sy Arona niresaka nanohitra an'i Mosesy noho ilay vehivavy Kosita izay nampakariny. [2]Hoy izy ireo hoe: "Mosesy ihany ve no niresahan'i Yaveh? Moa tsy niresaka tamintsika koa ve Izy?" Ary ren'i Yaveh izay nolazain'izy ireo. [3]Ary tena manetri-tena ilay lehilahy Mosesy, be fanetre-tena noho ny olona rehetra eto an-tany.
[4]Teo no ho eo Yaveh dia niresaka tamin'i Mosesy, Arona, ary Miriama hoe: "Mivoaha, ianareo telo, ho any amin'ny trano-lay fihaonana." Noho izany dia nivoaka izy telo. [5]Avy eo Yaveh nidina teny amin'ny andrin-drahona. Nitsangana teo amin'ny fidirana ao amin'ny lay Izy ary niantso an'i Arona sy Miriama. Samy nandroso izy roa.
[6]Hoy Yaveh hoe: "Ankehitriny henoy ny teniko. Rehefa miaraka aminareo ny mpaminaniko, dia hanambara ny tenako aminy amin'ny fahitana Aho ary hiresaka aminy anaty nofy. [7]Tsy toy izany Mosesy mpanompoko. Mahatoky izy ao amin'ny tranoko rehetra. [8]Miresaka mivantana amin'i Mosesy Aho, fa tsy amin'ny fahitana na ankamantatra. Hitany ny endriko. Koa nahoana ianareo no tsy matahotra ny hiresaka hanohitra ny mpanompoko, manohitra an'i Mosesy?"
[9]Nirehitra tamin'izy ireo ny hatezeran'i Yaveh, ary avy eo Izy nandao azy ireo. [10]Niala teo amin'ny lay ilay rahona, ary Miriama lasa boka tampoka—fotsy toy ny oram-panala izy. Rehefa nitodika tany amin'i Miriama i Arona, dia hitany fa nisy habokana izy.
[11]Hoy Arona tamin'i Mosesy hoe: "Ry tompoko, aza hazonina aminay ity fahotana ity. Niresaka adaladala izahay, ary nanota. [12]Aza avela ho toy ny zaza vao teraka maty izy izay lany ny antsasaky ny nofony raha vao teraka avy ao an-kibon-dreniny."
[13]Noho izany dia niantso an'i Yaveh i Mosesy. Hoy izy hoe: "Miangavy re mba sitrano izy, ry Andriamanitra, miangavy."
[14]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Raha nandrora tamin'ny tavany ny rainy, dia ho afa-baraka mandritra ny fito andro izy. Hidio any ivelan'ny toby mandritra ny fito andro izy. Aorian'izany dia ento miverina aty indray izy." [15]Koa dia nohidina tany ivelan'ny toby nandritra ny fito andro izy. Tsy nandeha ny vahoaka nandra-piveriny tao an-toby.
[16]Taorian'izany, dia niala avy tao Hazerota ny vahoaka ary nitoby tany an'efitr'i Parana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

13 [1]Dia niteny tamin'i Mosesy i Yaveh. Hoy Izy hoe: [2]"Mandefasa lehilahy maromaro mba hizaha ny tany Kanana, izay
nomeko ny vahoakan'Israely. Mandefasa lehilahy iray avy amin'ny fokon'ny razamben'izy ireo rehetra. Ireo lehilahy
tsirairay dia tsy maintsy mpitarika eo amin'izy ireo."
[3]Nandefa azy ireo avy tany an'efitr'i Parana i Mosesy, mba hahafahan'izy ireo mankatoa ny didin'i Yaveh. Izy rehetra dia
samy mpitarika teo amin'ny vahoakan'Israely avokoa. [4]Ireto no anaran'izy ireo: avy amin'ny fokon'i Robena dia i Samoa
zanaka lahin'i Zakora;
[5]avy amin'ny fokon'i Simeona dia i Safata, zanaka lahin'i Hory;[6]avy amin'ny fokon'i Joda dia i Kaleba zanaka lahin'i Jefone;
[7]avy amin'ny fokon'i Isakara dia i Jigala zanaka lahin'i Josefa;[8]avy amin'ny fokon'i Efraima dia i Hosea zanaka lahin'i
Nona;
[9]avy amin'ny fokon'i Benjamina dia i Palty zanaka lahin'i Rafo; [10]avy amin'ny fokon'i Zebolona dia i Gadiela zanaka lahin'i
Sody; [11]avy amin'ny fokon'i Josefa (izay midika hoe avy amin'ny fokon'i Manase) dia i Gady zanaka lahin'i Sosy; [12]avy
amin'ny fokon'i Dana dia i Amiela zanaka lahin'i Gemaly;
[13]avy amin'ny fokon'i Asera dia i Setora zanaka lahin'i Mikaela; [14]avy amin'ny fokon'i Naftaly dia i Naby zanaka lahin'i
Vofsy; [15]avy amin'ny fokon'i Gada dia i Geoela zanaka lahin'i Maky. [16]Ireo no anaran'ireo lehilahy izay nalefan'i Mosesy
mba hizaha ny tany. Nantsoin'i Mosesy tamin'ny anaran'i Josoa i Hosea zanaka lahin'i Nona.
[17]Nalefan'i Mosesy mba hizaha ny tany Kanana izy ireo. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Midira avy any Negeva ary miakara
any amin'ny tany havoana. [18]Zahao ny tany mba hahitana hoe toy ny ahoana. Diniho ny mponina mipetraka ao, na
matanjaka na malemy, ary na vitsy na maro. [19]Jereo ny toetry ny tany ipetrahan'izy ireo. Tsara ve izany sa ratsy? Tanàna
inona no ao? Toy ny toby ve izy ireo, sa tanàna mimanda? [20]Zahao ny toetry ny tany, raha tsara ho an'ny fambolena na
tsia, ary raha misy hazo maniry ao na tsia. Mahereza ka mitondrà santionany amin'ny vokatry ny tany." Ary izany
fotoana izany dia fotoan'ny voaloham-boaloboka masaka.
[21]Koa dia niakatra ireo lehilahy ireo ka nisafo ny tany avy any an'efitr'i Sina ka hatrany Rehoba, akaikin'i Lebo Hamata.
[22]Niakatra avy tany Negeva izy ireo ary tonga tany Hebrona. Ahimana, Sesay, ary Talmay, ireo foko avy amin'i Anaka dia
tao. Ary Hebrona dia efa tafajoro fito taona mialohan'i Zoana any Egypta.
[23]Rehefa tonga tao amin'ny Lohasahan'i Eskola izy ireo, dia nanapaka sampam-boaloboka. Nolanjain'ny roa tamin'izy ireo
tamin'ny tehina izany. Nitondra ampongaben-danitra sy aviavy ihany koa izy ireo. [24]Izany toerana izany dia nantsoina
hoe Lohasahan'i Eskola, noho ny sampam-boaloboka izay notapahin'ny vahoakan'Israely tao.
[25]Afaka efapolo andro, dia niverina avy tany am-pizahana ny tany izy ireo. [26]Niverina tany amin'i Mosesy, Arona, ary ireo
fivondronan'ny vahoakan'Israely tany an'efitr'i Parana, tany Kadesy izy ireo. Nitondra valin-teny tamin'izy ireo sy
tamin'ny fivondronana rehetra, ary naneho tamin'izy ireo ny vokatra avy ao amin'ilay tany izy ireo.
[27]Hoy izy ireo tamin'i Mosesy hoe: "Tonga tany amin'ny tany izay nanirahanao anay izahay. Tena tondra-dronono sy
tantely tokoa izany. Indreto ny ampahany tamin'ny vokatra avy tao amin'izany. [28]Na izany aza, ireo olona izay manao ny
fonenan'izy ireo ao dia matanjaka. Ireo tanàna dia mimanda sy midadasika. Nahita ny taranak'i Anaka tao ihany koa
izahay. [29]Ireo Amalekita monina any Negeva. Ireo Hetita, Jebosita, ary ireo Amorita dia manorina ny tranon'izy ireo any
amin'ny tany havoana. Ireo Kananita dia monina eny amoron-dranomasina sy manaraka ny Ony Jordana."
[30]Ary Kaleba nampangina ireo vahoaka izay teo anatrehan'i Mosesy ka nanao hoe: "Aoka izahay hiakatra ary haka ny tany
ho fananana, satria vitantsika tokoa ny mandresy izany." [31]Fa ireo lehilahy hafa izay niaraka tamin'izy ireo nanao hoe:
"Tsy vitantsika ny hanafika ireo vahoaka satria matanjaka noho isika izy ireo."
[32]Koa dia nanely tatitra mahakivy tamin'ny vahoakan'Israely mahakasika ny tany izay avy nozahany izy ireo. Hoy izy ireo
hoe: "Ny tany izay nojerenay dia tany mihinana ny mponiny. Ny olona rehetra izay hitanay dia goavana sy ranjanana
avokoa. [33]Nahita ireo olona goavana tao izahay, taranak'i Anaka, olona izay avy amin'ny goavana. Raha ny fijerinay
manokana dia tahaka ny valala isika raha ampitahaina amin'izy ireo, ary izany koa izahay raha ny fijerin'izy ireo."

14 [1]Tamin'izany alina izany dia nitomany mafy ny fiangonana rehetra. [2]Nitsikera an'i Mosesy sy Arona ny
vahoakan'Israely rehetra. Hoy ny fiangonana manontolo tamin'izy ireo: "Naleonay maty tany amin'ny tany Egypta, na
eto amin'ity efitra ity! [3]Nahoana no nitondra anay tamin'ity tany ity mba ho fatin-tsabatra Yaveh? Hanjary ho lasibatra
amin'izany ny vadinay sy ny zanakay. Moa ve tsy tsara ho anay ny miverina any Egypta?"
[4]Nifampiteny izy ireo hoe: "Ndeha isika hifidy mpitarika hafa, ka ndeha isika hiverina any Egypta." [5]Dia niankohoka
tamin'ny tavany teo anoloan'ny fivorian'ny fiangonan'ny vahoakan'Israely rehetra i Mosesy sy Arona.
[6]Nandrovitra ny fitafian'izy ireo i Josoa zanak'i Nona sy Kaleba zanak'i Jefone, izay sasany tamin'ireo nalefa mba hisafo ny
tany. [7]Niteny tamin'ny fiangonan'ny vahoakan'i Israely rehetra izy ireo. Hoy izy ireo: "Ny tany izay nandehananay sy
nosafoinay dia tany soa tokoa. [8]Raha mankasitraka antsika Yaveh, dia hitondra antsika any amin'izany tany izany sy
hanome izany ho antsika Izy. Dia tany tondra-dronono sy tantely.
[9]Nefa aza mikomy amin'i Yaveh, ary aza matahotra ny mponin'ny tany. Handevona azy ireo mora foana tahaka ny hanina
isika. Ho esorina amin'izy ireo ny fiarovana azy ireo, satria momba antsika Yaveh. Aza matahotra azy ireo." [10]Fa
nandrahona hitora-bato hamono azy ireo ny fiangonana rehetra. Dia niseho tao amin'ny trano-lay fihaonana tamin'ny
vahoakan'Israely rehetra ny voninahitr'i Yaveh.

[11]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Mandra-pahoviana no hanaovan'ity vahoaka ity tsinontsinona Ahy? Mandra-pahoviana no
tsy hatokian'izy ireo Ahy, na dia teo aza ireo famantarana ny heriko rehetra izay efa nataoko teo amin'izy ireo? [12]Hamely
azy ireo amin'ny areti-mandringana Aho, tsy hampandova azy ireo, ary hanangana firenena izay ho lehibe sy mahery
noho izy ireo avy amin'ny fokonao ihany Aho."
[13]Hoy Mosesy tamin'i Yaveh: "Raha manao izany Ianao, dia handre ny momba izany ny Egyptiana, satria efa namonjy ity
vahoaka ity tamin'izy ireo tamin'ny herinao Ianao. [14]Hilaza izany amin'ireo mponin'ity tany ity izy ireo. Efa ren'izy ireo fa
Ianao, Yaveh, no miaraka amin'ity vahoaka ity, satria efa hita nifanatri-tava Ianao. Nijoro teo amin'ny vahoakanay ny
rahonao. Nialoha azy ireo tamin'ny andry rahona Ianao ny andro ary tamin'ny andry afo ny alina.
[15]Ankehitriny raha mamono ity vahoaka ity tahaka ny olona iray Ianao, dia hiteny ireo firenena izay nandre ny lazanao
ka hanao hoe: [16]'Satria tsy nahavita nitondra ity vahoaka ity tany amin'ny tany izay nianianany homena azy ireo Yaveh,
dia novonoiny tany an'efitra izy ireo.'
[17]Ankehitriny, mitalaho Aminao aho, ampiasao ny herinao lehibe. Fa efa nilaza Ianao hoe: [18]"Tsy malaky tezitra Yaveh ary
tsy mivadi-panekena. Mamela heloka sy fahotana Izy. Tsy mba manamarina ny meloka Izy fa mamaly ny fahotan'ny
razambe amin'ny taranak'izy ireo, dia amin'ny taranaka fahatelo sy fahefatra.' [19]Mamelà, mitalaho Aminao aho, ny
fahotan'ity vahoaka ity nohon'ny halehiben'ny famindram-ponao, tahaka ny efa namelanao mandrakariva ity vahoaka ity
nanomboka tamin'ny fotoana naha-tany Egypta azy ireo mandraka ankehitriny."
[20]Hoy Yaveh: "Efa namela azy ireo amin'ny fanatanterahana ny fangatahanao Aho, [21]nefa marina tokoa, raha velona koa
Aho, ary raha ho feno ny voninahitro koa ny tany rehetra, [22]ireo olona rehetra izay nahita ny voninahitro sy ny
famantarana ny hery izay nataoko tany Egypta sy tany an'efitra ireo—dia mbola naka fanahy Ahy izay impolo izay izy
ireo ary tsy nihaino ny feoko.
[23]Koa milaza Aho fa tsy hahita ny tany izay efa nianianako tamin'ireo razambeny tokoa izy ireo. Tsy hisy na iray amin'ireo
izay nanao tsinontsinona Ahy hahita izany, [24]afa-tsy i Kaleba mpanompoko, satria manana fanahy hafa izy. Efa nanaraka
Ahy tanteraka izy; dia hitondra azy ao amin'ny tany izay nandehanany hosafoina Aho. Haka izany ho fananany ireo
taranany. [25](Ary ireo Amalekita sy Kananita dia nonina tany an-dohasaha.) Miverena ka mandehana any an'efitra amin'ny
lalana mankany amin'ny Ranomasina Mena rahampitso.'"
[26]Niteny tamin'i Mosesy sy Arona Yaveh. Hoy Izy: [27]"'Mandra-pahoviana no handeferako ity fiangonana ratsy izay
manakihana Ahy ity? Efa reko ny fitarainan'ny vahoakan'ny Israely ny Amiko.
[28]Lazao amin'izy ireo hoe: 'Raha velona koa Aho', hoy Yaveh, 'araka ny nolazainareo teo an-tsofiko, no hanaovako izao
aminareo Aho: [29]Hiampatra any an'efitra ny fatinareo, dia ianareo rehetra izay nitaraina ny Amiko, ianareo izay voaisa
tamin'ny fanisam-bahoaka, ny fitambaran'isan'ny olona roapolo taona no ho miakatra. [30]Tsy hiditra any amin'ny tany izay
nampanantenaiko hataonareo fonenana tokoa ianareo, afa-tsy Kaleba zanak'i Jefone sy Josoa zanak'i Nona.
[31]Nefa ny zanakareo izay lazainareo fa ho lasibatra, dia ho entiko miditra ao amin'ny tany izy ireo. Hiaina any amin'ny
tany izay nolavinareo izy ireo! [32]Ary ny aminareo, hiampatra any an'efitra ny fatinareo. [33]Ho mpiandry ondry any an'efitra
mandritra ny efapolo taona ireo zanakareo. Tsy maintsy hizaka ny vokatry ny asa fikomianareo mandra-pahafatinareo
any an'efitra izy ireo.
[34]Tahaka ny isan'ny andro izay nisafoanareo ny tany—efapolo andro, dia tsy maintsy hizaka ny vokatry ny fahotanareo
mandritra ny efapolo taona toy izany koa ianareo—herintaona ho an'ny iray andro, dia ho fantatrareo hoe ahoana izany
ho fahavaloko izany. [35]Izaho, Yaveh, no efa niteny. Hataoko ho an'ity fiangonana ratsy izay miara-miangona hanohitra Ahy
ity tokoa izany. Hofongorina tanteraka izy ireo, ka ho faty eto.'"
[36]Koa ireo lehilahy izay nirahin'i Mosesy mba hijery ny tany [37]dia matin'ny areti-mandringana teo anatrehan'i Yaveh
avokoa. Ireo dia ny lehilahy izay niverina ka nitati-dratsy momba ny tany. Izany no nampitaraina ny fiangonana rehetra
ny amin'i Mosesy. [38]Amin'ireo lehilahy izay nandeha mba hijery ny tany, dia i Josoa zanak'i Nona sy Kaleba zanak'i Jefone
ihany no ho sisa velona.
[39]Rehefa nitatitra ireo teny ireo tamin'ny vahoakan'ny Israely rehetra i Mosesy, dia nalahelo mafy izy ireo. [40]Nifoha
maraim-be izy ireo ka nankany an-tampon-tendrombohitra ary nanao hoe: "Indro, indreto izahay, ary handeha ho any
amin'ny toerana izay nampanantenain'i Yaveh, fa efa nanota izahay."
[41]Nefa hoy Mosesy: "Nahoana ianareo no mandika ny didin'i Yaveh ankehitriny? Tsy hahomby ianareo. [42]Aza mandeha,
satria tsy momba anareo hanakana anareo tsy ho resin'ny fahavalonareo Yaveh. [43]Any ireo Amalekita sy ireo Kananita, ka
ho fatin-tsabatra ianareo satria efa nihodina tamin'ny fanarahana an'i Yaveh ianareo. Koa tsy homba anareo Izy."
[44]Nefa nahasahisahy niakatra tany amin'ny tany havoana izy ireo; na izany aza, dia tsy niala tao an-toby na i Mosesy na
ny fiaran'ny faneken'i Yaveh. [45]Dia nidina ireo Amalekita, sy ireo Kananita izay nonina tao amin'ireo havoana ireo koa.
Nanafika ireo Israelita sy nandresy azy ireo teny an-dalana mankany Horma rehetra izy ireo.

15 [1]Ary niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh. Hoy Izy:[2]"Miresaha amin'ny vahoakan'i Israely ary teneno izy ireo hoe: 'Rehefa
handeha any amin'ny tany izay honenanareo ianareo, dia izay homen'i Yaveh anareo, [3]dia hanomana fanatitra
amin'ny afo ho an'i Yaveh ianareo, na fanatitra dorana na sorona mba hanatanterahana voady na fanatitra an-tsitra-po,
na fanatitra amin'ny fanasanareo, mba hamokatra hanitra ankasitrahana ho an'i Yaveh, avy amin'ny omby na ondry.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Aoka hanolotra sorona dorana ho an'i Yaveh ianareo ary koa ampahafolon'ny efaha amin'ny lafarina tsara toto voaharoharo amin'ny menaka ampahefatry ny hina ho fanatitra hohanina. [5]Aoka hanolotra divay ampahefatry ny hina ho fanatitra sotroina ho an'ny zanak'ondry tsirairay ihany koa ianareo, miaraka amin'ny fanatitra dorana, na ho an'ny sorona.
[6]Raha manolotra ondry lahy ianareo, dia aoka hanomana lafarina tsara toto roa ampahafolon'ny efaha voaharo amin'ny menaka ampahatelon'ny hina ianareo ho fanatitra hohanina. [7]Ny amin'ny fanatitra sotroina, aoka hanolotra divay ampahatelon'ny hina ianareo. Hamokatra hanitra mani-pofona ho an'i Yaveh izany.
[8]Raha manomana omby ho fanatitra dorana ianareo na ho sorona hanatanterahana voady, na ho fanatim-piombonana amin'i Yaveh, [9]dia aoka hanolotra lafarina tsara toto ampahatelon'ny efaha voaharo amin'ny menaka antsasaky ny hina miaraka amin'ny omby ianareo ho fanatitra hohanina. [10]Aoka hanolotra divay antsasaky ny hina ianareo ho fanatitra sotroina, toy ny fanatitra vita amin'ny afo, mba hamokatra hanitra manim-pofona ho an'i Yaveh.
[11]Aoka ho vita ho an'ny omby tsirairay izany fomba izany, ho an'ny ondry lahy tsirairay, ary ho an'ny zanak'ondry lahy tsirairay na koa osy tanor. [12]Ny sorona tsirairay izay omaninareo sy atolotrareo dia aoka ho vita tahaka ny voafaritra eto.
[13]Ny tera-tany Israelita rehetra dia aoka hanao ireo zavatra ireo amin'io fomba io, rehefa misy olona mitondra sorona vita amin'ny afo, mba hamokatra hanitra izay ankasitrahan'i Yaveh.
[14]Raha misy vahiny mitoetra miaraka aminareo, na koa izay rehetra mety honina eo aminareo mandritra ny taranaky ny vahoakanareo, dia aoka hanao fanatitra vita amin'ny afo izy, mba hamokatra hanitra manim-pofona ho an'i Yaveh. Aoka hanao toy ny fanaonareo izy. [15]Aoka ho lalàna mitovy ho an'ny fiaraha-monina sy ho an'ny vahiny izay mitoetra miaraka aminareo izany, lalàna maharitra mandritra ny taranaky ny vahoakanareo. Tahaka anareo, no aoka hitoeran'ireo mpandeha ihany koa eo aminareo. Aoka hanao toy ny fanaonareo eo anatrehan'i Yaveh izy. [16]Aoka ho didy aman-dalàna mitovy no ampiharina aminareo sy amin'ny vahiny izay mitoetra miaraka aminareo.'"
[17]Mbola niresaka tamin'i Mosesy indray i Yaveh. Hoy Izy: [18]"'Miresaha amin'ny vahoakan'i Israely ary teneno izy ireo hoe: 'Raha tonga eo amin'ny tany izay hakako anareo ianareo, [19]raha mihinana ny sakafo vokatra eo amin'ny tany ianareo, dia aoka hanolotra fanatitra sy haneho izany Amiko ianareo.
[20]Avy amin'ny voalohan-kobanareo no tsy maintsy anateranareo mofo mba hampiakarina izany ho fanatitra asandratra avy amin'ny fikororohana. Aoka hanandratra izany ambony amin'izany fomba izany ianareo. [21]Aoka hanome fanatitra asandratra ho Ahy ianareo mandritra ny taranaky ny vahoakanareo avy amin'ny voalohan-kobanareo.
[22]Hanota tsy nahy ianareo indraindray, raha tsy mankatò ireo didy rehetra izay efa noresahako tamin'i Mosesy ireo ianareo— [23]ny zavatra rehetra izay efa nandidiako anareo tamin'ny alalan'i Mosesy hatramin'ny andro izay nanombohako nanomezana didy ary mitohy mandritra ireo taranaky ny vahoakanareo. [24]Amin'ny trangan'ny fahotana tsy nahy amin'ny tsy fahalalan'ny fiaraha-monina, dia aoka hanolotra vatotr'ombilahy iray ny fiaraha-monina manontolo ho fanatitra dorana mba hamokatra hanitra manim-pofona ho an'i Yaveh. Miaraka amin'izany dia ho vita ny fanatitra hohanina sy fanatitra sotroina, tahaka nandidiana tamin'ireo didy, ary osy lahy iray ho fanatitra noho ny ota.
[25]Aoka hanao fanavotana ho an'ny fiaraha-monin'ny vahoaka Israely rehetra ny mpisorona. Ho voavela heloka izy ireo satria fahadisoana ny fahotana. Efa nitondra ny sorony izy ireo, ilay fanatitra vita tamin'ny afo ho Ahy. Efa nitondra ny fanatitra noho ny otany teo anoloako izy ireo ho an'ny fahadisoan'izy ireo. [26]Dia ho voavela heloka avokoa ny fiarahamonin'ny vahoakan'Israely, sy ireo vahiny mitoetra miaraka amin'izy ireo ihany koa, satria nahavita heloka tsy nahy avokoa ny vahoaka rehetra.
[27]Raha manota tsy nahy ny olona iray, dia aoka hanolotra osy vavy herintaona ho fanatitra noho ny ota izy. [28]Aoka hanao fanavotana eo anatrehan'i Yaveh ny mpisorona ho an'ny olona izay nanota tsy nahy. Ho voavela heloka izany olona izany rehefa vita ny fanavotana. [29]Aoka hanana lalàna mitovy ianareo ho an'izay manao zavatra tsy nahy, lalàna mitovy ho an'izay tera-tany eo amin'ny vahoakan'Israely sy ho an'ny vahiny izay mitoetra eo amin'izy ireo.
[30]Fa ny olona izay manao zavatra amin'ny fihantsiana, na tera-tany izy na vahiny, dia miteny ratsy Ahy. Aoka ho fongorana eo amin'ny vahoakany izany olona izany. [31]Satria efa nanao tsinontsinona ny teniko izy ary nandika ny didiko, dia aoka ho fongorana tanteraka izany olona izany. Ho aminy anie ny fahotany.'"
[32]Raha mbola tany an-tany efitra ny vahoakan'Israely, dia nahita lehilahy nanangona hazo tamin'ny andro sabata izy ireo.
[33]Ireo izay nahita azy dia nitondra azy tany amin'i Mosesy, Arona, ary ny fiaraha-monina rehetra. [34]Notanan'izy ireo am-ponja izy satria mbola tsy voalaza izay tokony natao taminy.
[35]Dia nilaza tamin'i Mosesy i Yaveh hoe: "Aoka ho vonoina tokoa ilay lehilahy. Aoka ny fiaraha-monina rehetra hitora-bato azy any ivelan'ny toby." [36]Koa nitondra azy ivelan'ny toby ny fiaraha-monina rehetra ary nitora-bato azy ho faty araka izay efa nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.
[37]Mbola niresaka tamin'i Mosesy indray i Yaveh. Hoy Izy: [38]"'Miresaha amin'ny taranak'Israely ary mandidia azy ireo mba hanao somitr'aviavy ho an'ny tenan'izy ireo hiraviravy avy eo amin'ny moron'akanjon'izy ireo, mba hampiraviravy azy ireo isaky ny morony amin'ny tady mangamanga. Aoka hanao izany izy ireo mandritra ny taranaky ny vahoakany. [39]Ho fampahatsiahivana manokana ho anareo ireo didiko rehetra izany, mba hanatanteraka azy ireo ka tsy hijerenareo manokana ny fonareo sy ny masonareo ka hivarotanareo tena amin'izy ireo.
[40]Ataovy izany mba hahatsiarovanareo sy hankatoavanareo ny didiko rehetra, ary mba ho masina ianareo, natokana ho Ahy, Andriamanitrareo. [41]Izaho no Yaveh Andriamanitrareo, izay nitondra anareo nivoaka ny tany Egypta, mba ho lasa Andriamanitrareo. Izaho no Yaveh Andriamanitrareo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

16 [1]Ary Kora no zanaka lahin'i Jizara zanaka lahin'i Kehata zanaka lahin'i Levy, miaraka amin'i Datana sy Abirama zanaka lahin'i Eliaba, sy Ona zanak'í Peleta, taranak'i Robena, dia nampivory lehilahy sasan-tsasany. [2]Nitsangana hanohitra an'i Mosesy izy ireo, ka niaraka tamin'ireo lehilahy hafa avy tamin'ny vahoakan'Israely, mpitarika fiangonana dimampolo sy roanjato izay mpikambana fanta-daza teo amin'ny fiangonana. [3]Niara-niangona izy ireo mba hifanandrina amin'i Mosesy sy Arona. Hoy izy ireo taminy: "Lasa lavitra loatra ianareo! Fa voatokana ny fiangonana rehetra, ny tsirairay amin'izy ireo, ary Yaveh dia eo amin'izy ireo. Nahoana no manandratra ny tenanareo eo amin'ny ambin'ny fiangonan'i Yaveh ianareo?"
[4]Rehefa ren'i Mosesy izany, dia nampiankohoka ny tavany izy. [5]Niteny tamin'i Kora sy ireo rehetra izay niaraka taminy izy hoe: "Amin'ny maraina dia hampahafantarin'i Yaveh ireo izay Azy sy ireo izay voatokana ho Azy. Hoentiny ho eo akaikiny izany olona izany. Ny iray izay voafidiny dia hoentiny hanakaiky ny tenany.
[6]Ataovy izao, ry Kora sy ny tariny rehetra. Alaivo ny fitondran'afo [7]rahampitso ary asio sy afo sy ditin-kazo manitra anatin'izany eo anoloan'i Yaveh. Ny iray izay fidian'i Yaveh, dia ho voatokana ho an'i Yaveh izany olona izany. Lasa lavitra loatra ianao, ry taranak'i Levy."
[8]Dia hoy indray Mosesy tamin'i Kora hoe: "Ankehitriny mihainoa, ianareo ry taranak'i Levy: [9]moa zavatra kely aminareo ve ny nampisarahan'Andriamanitra anareo tamin'ny fiangonan'Israely, mba hitondra anareo akaikin'ny tenany, mba hanao ny asany ao amin'ny tabernakelin'i Yaveh, ary hijoro eo anoloan'ny fiangonana mba hanompo azy ireo? [10]Nitondra anao akaiky Izy, sy ireo rahalahinao rehetra, taranak'i Levy, miaraka aminao, nefa mbola mitady ny fisoronana ihany koa ianareo! [11]Noho izany no nivondronanareo sy ny tarinao hanohitra an'i Yaveh. Ka nahoana ianareo no mitaraina mahakasika an'i Arona, izay mankatoa an'i Yaveh?"
[12]Ary Mosesy niantso an'i Datana sy Abirama, zanaka lahin'i Eliaba, fa niteny izy ireo hoe: "Tsy hiakatra izahay. [13]Zavatra kely aminao angaha ny nitondranao anay niakatra nivoaka ny tany tondra-dronono sy tantely, mba hamono anay any an'efitra? Ankehitriny dia maniry ny tenanao hanapaka eo aminay ianao! [14]Ho fanampin'izany, tsy nitondra anay tany amin'ny tany tondra-dronono sy tantely Ianao, na nanome anay ireo saha sy tanim-boaloboka ho lova. Ankehitriny dia maniry hahajamba anay amin'ireo fampanantenana foana ve Ianao? Tsy ho any aminao izahay."
[15]Tezitra mafy i Mosesy ary niteny tamin'i Yaveh hoe: "Aza manaiky ny fanatiny. Tsy naka na apondra iray tamin'izy ireo aho, ary tsy nanisy ratsy na ny iray tamin'izy ireo aza." [16]Ary niteny tamin'i Kora i Mosesy hoe: "Rahampitso dia tsy maintsy handeha eo anatrehan'i Yaveh ianao sy ny tarikao—ianao sy izy ireo, ary Arona. [17]Samia maka ny fitondran'afony ianareo tsirairay ary manisy ny ditin-kazo manitra ao amin'izany. Avy eo dia aoka hitondra ny fitondran'afony eo anoloan'i Yaveh avy ny tsirairay, fitondran'afo dimam-polo sy roan-jato. Ianao sy Arona, ihany koa, dia aoka hitondra ny fitondran'afonareo tsirairay."
[18]Ka dia naka ny fitondran'afony ny olona tsirairay, nandrehitra afo tamin'izany, ary nitsangana teo amin'ny fidiran'ny trano-lay fihaonana niaraka tamin'i Mosesy sy Arona. [19]Nampivory ireo fivondronana rehetra manohitra an'i Mosesy sy Arona teo amin'ny fidiran'ny trano-lay fihaonana i Kora, ary niseho tamin'ny fivondronana rehetra ny voninahitr'i Yaveh.
[20]Dia niresaka tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh hoe: [21]"Saraho amin'ity fiangonana ity ny tenanareo mba hahafahako mandevona azy ireo avy hatrany." [22]Niankohoka i Mosesy sy Arona ary niteny hoe: "Andriamanitra, Andriamanitry ny fanahin'ny olombelona rehetra, raha manota ny olona iray, dia ho tezitra amin'ny fiangonana rehetra ve ianao?
[23]Namaly an'i Mosesy i Yaveh. [24]Hoy Izy hoe: "'Mitenena amin'ny fivondronana. Mitenena hoe: "Mialà amin'ny lain'i Kora, Datana, ary Abirama."
[25]Dia niainga i Mosesy ary nankany Datana sy Abirama; ireo loholon'Israely dia nanaraka azy. [26]Niresaka tamin'ny fivondronana izy ka niteny hoe: "Ankehitriny dia mialà amin'ireo lain'ny ratsy fanahy ary aza mikitika na inona na inona ny azy ireo, fandrao ho levona amin'ny alalan'ireo fahotany rehetra ianao." [27]Koa nandao azy ireo tamin'ny zoron'ireo lain'i Kora, Datana, ary Abirama ny fivondronana. Nivoaka i Datana sy Abirama ary nitsangana teo amin'ny fidiran'ny lain'izy ireo, niaraka tamin'ireo vadiny, zanaka lahy, ary ireo madininy.
[28]Ary niteny i Mosesy hoe: "Amin'izao no ahafantaranareo fa Yaveh no naniraka ahy hanao ireo asa rehetra, fa tsy nanao ireny tamin'ny saiko ihany aho. [29]Raha maty amin'ny fahafatesana voajanahary tahaka ny zava-misy ara-dalàna ireny olona ireny, dia tsy nandefa ahy i Yaveh. [30]Fa raha mamorona fisokafana amin'ny tany izay mitelina azy ireo ao tahaka ny vava lehibe i Yaveh, miaraka amin'ireo fianakaviany rehetra, ary raha midina velona any amin'ny fiainan-tsy hita izy ireo, dia aoka ho fantatrao fa ireny olona ireny dia nanao tsinontsinona an'i Yaveh."
[31]Raha mbola tsy tapitra ny fitenenan'i Mosesy ireo teny rehetra ireo, dia nisokatra teo ambanin'ireo lehilahy ireo ny tany. [32]Nanokatra ny vavany ny tany ary nitelina azy ireo, ireo fianakaviany, ary ireo olona rehetra izay an'i Kora, ary koa ireo fananany rehetra.
[33]Dia latsaka velona tany amin'ny fiainan-tsy hita izy ireo sy ireo rehetra tao amin'ireo fianakaviany. Nikatona teo ambonin'izy ireo ny tany, ary tamin'izany no nahafongotra azy ireo teo afovoan'ny fivondronana. [34]Ireo Israely rehetra manodidina azy ireo dia nandositra tamin'ireo hiakiakany. Nihiaka izy ireo hoe: "Mety hitelina antsika ihany koa ny tany!" [35]Dia nitselatra ny afo avy tamin'i Yaveh ary nandrapaka ireo 250 olona izay nanolotra ditin-kazo manitra.
[36]Dia niresaka tamin'i Mosesy indray i Yaveh ary niteny hoe: [37]"Miresaha amin'i Eleazara zanaka lahin'i Arona mpisorona ary aoka izy hamono ny afo amin'ny fandorana ny ditin-kazo manitra, fa ny fitondran'afo dia voatokana ho ahy. Dia

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

avelao izy hampiely ny vain'afo any alavitra. [38]Alaivo ireo fitondran'afon'ireo izay namoy ny ainy nohon'ny fahotany. Aoka ireny ho atao lovia voatefy mba ho fandrakofana ny alitara. Nanolotra ireny teo anoloako ireny olona ireny, ka voatokana ho Ahy ireny. Ho famantarana ny fisiako amin'ireo vahoakan'Israely ireo.
[39]Naka ireo fitondran'afo varahina i Eleazara mpisorona izay nampiasain'ireo olona izay may, ary dia notefena ho fandrakofana ho an'ny alitara ireo, [40]mba ho fampahatsiahivana ho an'ireo vahoakan'Israely, mba tsy hisy vahiny izay tsy taranaka avy amin'i Arona ho avy handoro ditin-kazo manitra manoloana an'i Yaveh, ka tsy ho tonga tahaka an'i Kora sy ny tariny izy ireo—araka izay efa nandidian'i Yaveh tamin'ny alalan'i Mosesy.
[41]Fa ny ampitso maraina dia nitaraina tamin'i Mosesy sy Arona ny fivondronan'ny vahoakan'Israely rehetra. Hoy izy ireo hoe: "Novonoinareo ny vahoakan'i Yaveh." [42]Ary niseho izany, rehefa nivory hanohitra an'i Mosesy sy Arona ny fivondronana rehetra, raha nijery tao amin'ny trano-lay fihaonana izy ireo, ary, indro, nandrakotra izany ny rahona. Niseho ny voninahitr'i Yaveh, [43]ary Mosesy sy Arona dia nankeo anoloan'ny trano-lay fihaonana.
[44]Dia niteny tamin'i Mosesy i Yaveh. Hoy Izy: [45]"Mialà lavitra tsy ho eo anoloana an'io fivondronana io mba hahafahako mandevona azy avy hatrany." Dia nampiondrika ny tavany tamin'ny tany i Mosesy sy Arona. [46]Hoy i Mosesy tamin'i Arona: "Alaivo ny fitondran'afo, asio afo avy eo amin'ny alitara, asio ditin-kazo manitra ao anatin'izany, ento faingana any amin'ny fivondronana izany, ary manaova fanavotana ho azy ireo, satria tonga avy amin'i Yaveh ny fahatezerana. Niatomboka ny areti-mandringana."
[47]Dia nanao araka izay natoron'i Mosesy i Arona. Nihazakazaka ho eo afovoan'ny fivondronana izy. Efa nanomboka niparitaka faingana teo amin'ny olona ny areti-mandringana, koa nampidiriny ny ditin-kazo manitra ka nanao fanavotana ho an'ny olona izy. [48]Nitsangana teo anelanelan'ny velona sy ny maty i Arona; ka tamin'izany dia nitsahatra ny areti-mandringana.
[49]Ireo izay matin'ny areti-mandringana dia 14 700, ankoatra ireo izay maty nohon'ny amin'i Kora. [50]Niverina tany amin'i Mosesy teo amin'ny fidiran'ny trano-lay fihaonana i Arona, dia nitsahatra ny areti-mandringana.

17 [1]Niresaka tamin'i Mosesy Yaveh. [2]Hoy Izy hoe: "Miresaha amin'ny vahoakan'Isarely ary makà tehina avy amin'izy ireo, iray isaky ny tsirairay amin'ireo fokon-drazana, dia tehina roa ambin'ny folo. Soraty eo amin'ny tehiny avy ny anaran'ny olona tsirairay.
[3]Aoka ho soratanao eo amin'ny tehin'i Levy ny anaran'i Arona. Tsy maintsy misy tehina iray avy amin'ny fokon-drazany ho an'ny mpitarika tsirairay. [4]Tsy maintsy apetrakao ao amin'ny trano-lay fihaonana eo anoloan'ny laläàn'ny fanekena, izay hihaonako aminao ireo thehina. [5]Ary ny tehin'ny olona izay fidiako dia hitsimoka. Hatsahatro ny fitarainana avy amin'ireo olona, izay ambarany hanoherana anao."
[6]Koa dia niteny tamin'ireo vahoakan'Israely i Mosesy. Nanome tehina azy avokoa ireo mpitarika ara-poko, tehina iray avy ho an'ireo mpitarika tsirairay, izay notendrena avy amin'ny fokon-drazana isan'isany, tehina roa ambin'ny folo no fitambarany. Tao anatin'izany ny tehin'i Arona. [7]Avy eo dia napetrak'i Mosesy teo anatrehan'i Yaveh tao amin'ny lain'ny laläàn'ny fanekena ireo tehina.
[8]Ny ampitso dia niditra tao amin'ny lain'ny laläàn'ny fanekena i Mosesy, ary indro, naniry ny tehin'i Arona ho an'ny fokon'i Levy. Naniry kibory izany ary namoa felany sy amygdala! [9]Nentin'i Mosesy nivoaka tsy ho eo anatrehan'i Yaveh ho eo amin'ny vahoakan'Israely manontolo ireo tehina rehetra, ary samy naka ny tehiny avy ny olona tsirairay.
[10]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Apetraho eo anoloan'ny laläàn'ny fanekena ny tehin'i Arona. Tehirizo ho famantaran-keloka hanohitra ireo olona izay nikomy izany mba hanatsaharanao ny fitarainana manohitra Ahy, raha tsy izany dia ho faty izy ireo." [11]Nanao araka izay nandidian'i Yaveh azy i Mosesy.
[12]Niteny tamin' i Mosesy ny vahoakan'Israely ka niteny hoe: "Ho faty aty isika. Ho ringana avokoa isika rehetra! [13]Izay rehetra miakatra, izay manatona ny tabernakelin'i Yaveh, dia ho faty. Dia tsy maintsy ho faty ve isika rehetra?"

18 [1]Hoy Yaveh tamin'i Arona: "Ianao, ireo zanakao, ary ireo fokon-drazanao dia ho tompon'andraikitra amin'ireo fahotana rehetra vita tamin'ny fitoerana masina. Fa ianao sy ireo zanakao irery ihany no ho tompon'andraikitra amin'ireo fahotana rehetra nataon'ny olona tao amin'ny fisoronana. [2]Tahaka ny amin'ireo mpiara-mikambana aminao amin'ny fokon'ny Levy, ireo fokon-drazanao, dia aoka ho entinao miaraka aminao izy ireo mba hahazoan'izy ireo manantona anao sy manampy anao rehefa manompo eo anoloan'ny lain'ny laläàn'ny fanekena ianao sy ireo zanakao.
[3]Aoka hanompo anao sy ny lay manontolo izy ireo. Kanefa, aoka izy ireo tsy hanakaiky ireo zavatra ao amin'ny fitoerana masina na mifandray amin'ny alitara, fa ho faty izy ireo sy ianao koa. [4]Aoka hamonjy anao izy ireo ary hikarakara ny trano-lay fihaonana, ho an'ny asa rehetra mifandray amin'ny lay. Aoka tsy hanatona eo akaikinao ireo vahiny. [5]Aoka ianao handray andraikitra ho an'ny fitoerana masina ary ho an'ny alitara mba tsy hiavian'ny fahatezerako eo amin'ireo zanak'Israely indray.
[6]Indro, Izaho mihitsy no efa nisafidy ireo Levita mpiara-mikambana aminao avy amin'ireo taranak'Israely. Fanomezana ho anao izy ireo, efa nomena Ahy mba hanao ny asa mifandraika amin'ny trano-lay fihaonana. [7]Saingy ianao sy ireo zanakao no mety hanao ny fisoronana momba ny zavatra rehetra mifandray amin'ny alitara sy ny zavatra rehetra anatin'ny lamba. Ianareo ihany no aoka hameno ireo andraikitra ireo. Homeko anao ho fanomezana ny fisoronana. Izay vahiny manatokatona dia aoka ho vonoina."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Dia hoy Yaveh tamin'ny Arona: "Indro, efa nomeko anao ny adidy fikirakirana ireo fanatitra asandratra Amiko, sy ireo fanatitra masina izay omen'ny zanak'Israely Ahy. Efa nomeko anao sy ireo zanakao ho anjaranao ireo fanatitra ireo.
[9]Ireto no tena zavatra masina, voaaro amin'ny afo: avy amin'ireo fanatitr'izy ireo rehetra—ny fanatitra hohanina rehetra, ny fanatitra nohon'ny ota rehetra, ary ny fanatitra nohon'ny heloka rehetra—tena masina ho anao sy ho an'ireo zanakao ireo.
[10]Tena masina tokoa ireo fanatitra ireo; aoka hihinana izany ny lehilahy rehetra, fa masina ho anao ireo.[11]Ireto avy ny fanatitra izay ho anao: ireo fanomezan'izy ireo, ireo fanatitra ahevahevan'ny zanak'Israely rehetra. Efa nomeko anao izy ireo, ireo zanakao lahy, sy ireo zanakao vavy, ho anjaranao. Ny rehetra izay madio amin'ny fombafomba ao amin'ny ankohonanao dia mahazo mihinana amin'ireo fanatitra ireo.
[12]Ny tsara indrindra amin'ny menaka, ny tsara indrindra amin'ny divay vaovao sy ny vary, ny voaloam-bokatra izay omen'ny olona ahy—ireo zavatra rehetra dia efa nomeko anao. [13]Ireo vokatr'izany rehetra izany matoy voalohany izay eo amin'ny tanin'izy ireo, dia izay entin'izy ireo aty Amiko, dia ho lasanao. Izay rehetra madio ao amin'ny ankohonanao dia mahazo mihinana ireny zavatra ireny.
[14]Ny zavatra rehetra voatokana ao Israely dia ho lasanao avokoa. [15]Ny zavatra rehetra izay manokatra ny vohoka, ny voalohan-teraka rehetra izay atolotry ny olona an'i Yaveh, ny olona sy ny biby mitambatra, dia ho lasanao avokoa. Na dia izany aza, aoka ny olona hividy ny zanaka lahy voalohan-teraka rehetra indray, ary aoka izy ireo hividy indray ny lahy voalohan-terak'ireo biby maloto. [16]Ireo izay voavidin'ny olona indray dia aoka hamerina hividy aorian'ny faha iray volana. Avy eo dia afaka mividy azy ireo indray ny olona, amin'ny vidiny sekely dimy, araka ny karazan-danjan'ny sekely fitoerana masina, izay mitovy amin'ny zeraha roapolo.
[17]Fa ny voalohan-teraky ny omby vavy, na ny voalohan-teraky ny ondry, na ny voalohan-teraky ny osy —aoka tsy haverinareo ho vidiana ireo biby ireo; fa voatokana ho Ahy ireny. Aoka hamafy ny ràn'ireny eo amin'ny alitara ianao ary handoro ny jaboran'izy ireo ho fanatitra natao tamin'ny afo, hanitra ankasitrahan'i Yaveh. [18]Ny henan'izy ireo dia ho anao. Tahaka ny tratra sy ny fe ankavanana nasandratra, dia ho anao ny henan'izy ireo.
[19]Ny fanatitra masina rehetra izay atolotry ny olona amin'i Yaveh, dia efa nomeko anao, sy ireo zanakao lahy ary ireo zanakao vavy miaraka aminao, ho zara mithohitohy. Fanekena maharitra mandrakizay amin'ny sira izany, fanekena mamatotra mandrakizay, eo anatrehan'i Yaveh ho anao sy ireo taranakao miaraka aminao." [20]Hoy Yaveh tamin'i Arona: "Tsy hanana lova ao amin'ny tanin'ny vahoaka ianao, na hanan-jara amin'ny fananana eo amin'ny vahoaka. Izaho no anjaranao sy lovanao eo amin'ny vahoakan'Israely.
[21]Ho an'ny taranak'i Levy, indro, efa nanome ireo ampahafolon-karena rehetra ao Israely ho lovan'izy ireo ho valin'ny ny asa izay omen'izy ireo amin'ny fiasana ao amin'ny trano-lay fihaonana Aho. [22]Manomboka izao dia aoka ny vahoakan'Israely tsy ho avy anakaiky ny trano-lay fihaonana, fa ho tompon'andraikitra amin'izany fahotana izany izy ireo ary ho faty.
[23]Aoka ireo Levita hanao ny asa mifandraika amin'ny trano-lay fihaonana. Ho tompon'andraikitra amin'ny fahotana manodidina izany izy ireo. Ho lalàna maharitra manerana ireo taranaky ny vahoakanao izany. Aoka tsy hanan-dova eo amin'ireo zanak'Israely izy ireo. [24]Satria ny ampahafolon-karen'ny vahoakan'Israely, izay natolotr'izy ireo ho ny fandraisana anjara aty Amiko—ireo no efa nomeko an'ireo Levita ho lovan'izy ireo. Izany no nilazako tamin'izy ireo hoe: 'Aoka tsy hanana lova eo amin'ireo zanak'Israely izy ireo.'"
[25]Yaveh niresaka tamin'i Mosesy ary nanao hoe: [26]"Aoka ianao hiresaka amin'ireo Levita ary hilaza amin'izy ireo hoe: 'Rehefa mandray ny ampahafolo izay avy amin'ny zanak'Israely izay efa nomeko anao avy amin'izy ireo ho lovanao ianao, dia haneho fandraisana anjara avy amin'izany ho an'i Yaveh, ampahafolony amin'ny fahafolon-karena. [27]Ny fandraisanao anjara dia aoka ho raisinao tahaka ny hoe ampahafolon'ny voa avy amin'ny fikororohana na ny famokarana avy amin'ny famiazam-boaloboka izany.
[28]Koa aoka ihany koa ianao hanao fandraisana anjara amin'i Yaveh avy amin'ny ampahafolon-karena izay raisinao avy amin'ny vahoakan'Israely. Fa avy amin'izy ireo no tsy maintsy hanomezanao ny anajarany ho an'i Arona mpisorona.
[29]Ankoatra ny fanomezana rehetra raisinao, aoka hanao fandraisana anjara amin'i Yaveh ianao. Aoka hanao izany ianao avy amin'ny zavatra tsara sy masina indrindra rehetra izay efa nomena anao.'
[30]Noho izany dia aoka ianao hilaza amin'izy ireo hoe: 'Rehefa manolotra ny tsara indrindra amin'izany ianareo, dia aoka hisaina ho an'ireo Levita ho toy vokatra avy amin'ny fikororohana sy ny famiazam-boaloboka izany. [31]Dia mahazo mihinana ny ambin'ny fanomezanareo amin'ny toerana rehetra ianareo, ianareo sy ny ankohonanareo, satria izany no karamanareo ho tambin'ny asanareo tao amin'ny trano-lay fihaonana. [32]Tsy ho meloka amin'izay heloka tamin'ny fihinana sy fisotroana izany ianareo, raha tsy efa nampiseho tamin'i Yaveh ny tsara indrindra avy amin'izay efa noraisinareo. Fa aoka ianareo tsy haniratsira ireo fanatitra masin'ny vahoakan'Israely, raha tsy izany dia ho faty ianareo.'"

19 [1]Niteny tamin'i Mosesy sy Arona i Yaveh. Hoy Izy hoe: [2]"Izao no lalàna, lalàna izay andidiako anareo: Lazao ny vahoakan'ny Israely fa tokony hitondra ombivavy kely mena tsy misy kilema eo aminareo izy ireo, ary izay tsy mbola nasiana zioga.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Omeo an'i Eleazara mpisorona ny ombivavy kely. Hitondra izany any ivelan'ny toby izy, ary hisy olona hamono izany eo
anoloany. [4]Eliazara mpisorono dia haka kely amin'ny ràn'izany amin'ny tanany ary hamafy izany impito eo alohan'ny
trano-lay fihaonana. [5]Ny mpisorona hafa dia handoro ny ombivavikely eo imasony. Handoro ny hodiny, ny nofony, ary ny
ràny miaraka amin'ny tainy izy. [6]Aoka ny mpisorona haka hazo sedera, hysopa, sy volon'ondry mena, ary hanipy izany eo
afovoan'ilay ombivavikely mirehitra.
[7]Avy eo dia tsy maintsy manasa ny akanjony sy mandro amin'ny rano izy. Ary mba ho afaka hankeo an-toby, izay
hitoerany maloto mandra-pahariva ny andro izy. [8]Izay nandoro ny ombivavy kely dia hanasa ny akanjony amin'ny rano
ary handro amin'ny rano. Hitoetra maloto mandra-pahariva ny andro izy.
[9]Ny olona izay madio dia hanangona ireo lavenon'ny ombivavy kely ary hametraka izany eo amin'ny toerana madio
ivelan'ny toby. Ireo lavenona ireo dia hotehirizina ho an'ny fiarahamonin'ny vahoakan'ny Israely. Hanafangaro ireo
lavenona amin'ny rano fanadiovana amin'ny fahotana izy ireo, satria ny lavenona dia avy amin'ny fanatitra noho ny ota.
[10]Izay nanangona ny lavenon'ny ombivavy kely dia hanasa ny akanjony. Hitoetra maloto mandra-pahariva Izy. Izany dia
ho lalàna maharitra ho an'ny vahoakan'Israely ary ho an'ireo vahiny izay mitoetra miaraka amin'izy ireo.
[11]Na iza na iza mikasika fatin'olona dia haloto mandritra ny fito andro. [12]Izany olona izany dia tsy maintsy manadio ny
tenany amin'ny andro fahatelo sy amin'ny andro fahafito. Dia hadio izy. Fa raha tsy manadio ny tenany amin'ny andro
fahatelo izy, dia tsy hadio izy amin'ny andro fahafito. [13]Na iza na iza mikasika fatin'olona, ny vatan'ny olona izay efa maty,
ary tsy manadio ny tenany—izany olona izany dia mandoto ny tabernakelin'i Yaveh. Izany olona izany dia hofongorina
eo amin'Israely satria tsy nafafy taminy ny rano ho an'ny fahalotoana. Hitoetra maloto izy; ny fahalotoany dia hitoetra
aminy.
[14]Izao no lalàna raha misy olona maty ao an-day. Izay rehetra mankao amin'ny lay sy izay rehetra efa tao amin'ny lay dia
haloto mandritra ny fito andro. [15]Ny fitoeran-javatra misokatra rehetra tsy misy fonony dia haloto. [16]Toy izany koa, na iza
na iza any ivelan'ny lay ka mikasika olona izay matin-tsabatra, na fatin'olona hafa, na taolan'olona, na fasana—izany
olona izany dia haloto mandritra ny fito andro.
[17]Ataovy ho an'ny olona maloto izao: Makà lavenona avy amin'ny fanatitra dorana nohon'ny ota ary afangaroy ao anaty
siny miaraka amin'ny rano ireo. [18]Ny olona izay madio dia haka hysopa, androboka izany ao anaty rano, ka hamafy izany
eo amin'ny lay, eo amin'ny fitoeran-javatra rehetra ao anatin'ny lay, amin'ireo olona izay eo, ary amin'izay rehetra
nikasika ny taolana, izay voavono, izay maty, na ny fasana. [19]Amin'ny andro fahatelo sy amin'ny andro fahafito, ny olona
madio dia hamafy izany amin'ny olona maloto. Amin'ny andro fahafito ny olona maloto dia hanadio ny tenany. Hanasa
ny akanjony sy handro amin'ny rano izy. Hadio izy amin'ny hariva.
[20]Fa izay rehetra mitoetra maloto, izay mandà tsy hanadio ny tenany—izany olona izany dia hofongorana eo amin'ny
fiarahamonina, nohon'ny fandotoany ny fitoerana masin'i Yaveh. Tsy nafafy taminy ny rano ho an'ny fahalotoana;
hitoetra maloto izy. [21]Ho lalàna mitohy mahakasika ireo toe-javatra ireo izany. Izay mamafy ny ranon'ny fahalotoana dia
hanasa ny akanjony. Izay mikasika ny ranon'ny fahalotoana dia haloto mandra-pahariva. [22]Na inona na inona kasihin'ny
olona maloto dia haloto izany. Ny olona izay mikasika izany dia haloto mandra-pahariva."

20 [1]Ary ny vahoakan'Israely, ny vondrona manontolo, dia nankany an'efitry ny Zina tamin'ny volana voalohany;
nijanona tao Kadesy izy ireo. Tany Miriama no maty sy nalevina.
[2]Tsy nisy rano ho an'ny vondrona, ary niara-niangona hanohitra an'i Mosesy sy Arona izy ireo.[3]Nitaraina tamin'i Mosesy
ny vahoaka. Hoy izy ireo hoe: "Tsara kokoa raha maty toy ny Israelita namanay maty teo anatrehan'i Yaveh izahay!
[4]Nahoana no nentinao mba ho faty aty amin'ity efitra ity ny fivondronan'i Yaveh, dia izahay sy ny biby fiompinay?
[5]Nahoana ianao no nampiakatra anay nivoaka avy tany Egypta nitondra anay amin'ity toerana mahatsiravina ity? Indro
tsy misy voa, aviavy, voaloboka, na apongaben-danitra eto, ary tsy misy rano ho sotroina."
[6]Ary niala teo anatrehan'ny fivondronana i Mosesy sy Arona. Niditra teo amin'ny fidiran'ny trano-lay fihaonana izy ireo
ary niankohoka. Ary niseho tamin'izy ireo tao ny famirapiratan'ny voninahitr'i Yaveh.
[7]Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh ary nanao hoe: [8]"Alaivo ny tehina ary vorio ny fivondronana, ianao, sy Arona
rahalahinao. Mitenena amin'ny vatolampy eo imason'izy ireo, ary mandidia mba hiboiboika rano izany. Hamokatra rano
ho azy ireo avy ao amin'ny vatolampy ianao, ary tsy maintsy omenao ny fivondronana sy ireo biby fiompiny mba
hosotroiny izany." [9]Noraisin'i Mosesy avy teo anoloan'i Yaveh ny tehina, araka ny nandidian'i Yaveh azy mba hatao.
[10]Dia namory ny vahoaka teo anoloan'ny vatolampy i Mosesy sy Arona. Hoy i Mosesy tamin'izy ireo: "Ankehitriny
mihainoa, ianareo mpikomy. Moa ve tsy maintsy hamoaka rano avy amin'ity vatolampy ity ho anareo izahay?" [11]Dia
nanangana ny tanany i Mosesy ary nikapoka indroa ny vatolampy tamin'ny tehina, ka rano be no nivoaka. Nisotro ny
fivondronana, sy ireo biby fiompiny.
[12]Ary hoy i Yaveh tamin'ny Mosesy sy Arona: "Satria tsy natoky na nanome voninahitra Ahy ho masina teo imason'ny
vahoakan'Israely ianareo, dia tsy hitondra ny fiangonana any amin'ny tany izay efa nomeko azy ireo ianareo." [13]Ity
toerana ity dia nantsoina hoe ranon'i Meriba satria ny vahoakan'Israely dia nifanditra tamin'i Yaveh teo, ary nampiseho
ny tenany tamin'izy ireo ho masina Izy.
[14]Naniraka mpitondra hafatra avy tao Kadesy ho any amin'ny mpanjakan'i Edoma i Mosesy: Izao no lazain'Israely
rahalahinao: "Fantatrao ny ady sarotra izay efa nanjo anay. [15]Fantatrao fa nidina tany Egypta ireo razanay ary nitoetra tao

Egypta nandritra ny fotoana ela. Nitondra anay tamin'ny fahasiahana sy ireo razanay ihany koa ireo Egyptiana. [16]Rehefa
niantso mafy an'i Yaveh izahay, dia nandre ny feonay Izy ka nandefa anjely ary nitondra anay nivoaka avy tao Egypta.
Indro, aty Kadesy izahay, tanàna iray eto amin'ny faritry ny taninao.
[17]Mangataka aminao aho ny mba hamelanao anay handalo eo amin'ny taninao. Tsy handalo amin'ny saha na tanim-
boaloboka, na hisotro ny rano ao amin'ireo lava-dranonao izahay. Handeha eny amin'ny lalamben'ny mpanjaka izahay.
Tsy hivily hiankavanana na hiankavia izahay mandra-pahatonganay eny amin'ny sisin-taninao."
[18]Fa ny mpanjakan'i Edoma namaly azy hoe: "Tsy mahazo mandalo eto ianareo. Raha mandalo ianareo, dia ho avy
miaraka amin'ny sabatra hanafika anareo aho."[19]Ary ny vahoakan'Israely nanao taminy hoe: "Hamakivaky ny lalam-be
izahay. Raha misotro ny ranonao izahay na ny biby fiompinay, dia honeranay izany. Avelao fotsiny izahay mba handeha
tongotra, fa tsy anao zavatra hafa."
[20]Fa ny mpanjakan'i Edoma namaly hoe: "Tsy mahazo mandalo ianareo." Ka tonga namely an'Israely ny mpanjakan'i
Edoma niaraka tamin'ny tana-maherin'ireo miaramila maro be.[21]Nandà ny hamela ny Israely hiampita teo amin'ny
sisitan'izy ireo ny mpanjakan'i Edoma. Noho izany, dia nivily tamin'ny tanin'i Edoma ny Israely.
[22]Koa niala tao Kadesy ny vahoaka. Ny vahoakan'Israely, ny fivondronana manontolo, nankany an-Tendrombohitra Hora.
[23]Niresaka tamin'i Mosesy sy Arona tao an-Tendrombohitra Hora i Yaveh, eo amin'ny sisitanin'i Edoma. Hoy Izy: [24]"Tsy
maintsy hampiarahana amin'ny vahoakany i Arona, fa tsy hiditra amin'ny tany izay efa nomeko ny vahoakan'Israely izy.
Izany dia satria samy nikomy nanohitra ny teniko tao amin'ny ranon'i Meriba ianareo.
[25]Alaivo i Arona sy Eleazara zanany lahy, ary ento miakatra any an-Tendrombohitra Hora izy ireo. [26]Esory amin'i Arona
ireo akanjo fisoronana ka ampanaovy an'i Eleazara zanany. Tsy maintsy ho faty Arona ary hampiarahina amin'ny
vahoakany any."
[27]Nanao araka izay nandidian'i Yaveh i Mosesy. Niakatra tany an-Tendrombohitra Hora teo imason'ny fivondronana
rehetra izy ireo. [28]Nesorin'i Mosesy ny akanjo fisoronan'i Arona ary nampanaoviny an'i Eleazara zanany ireo. Maty teo an-
tampon-tendrombohitra i Arona. Ary nidina i Mosesy sy Eleazara. [29]Rehefa hitan'ny vondrona rehetra fa maty i Arona, dia
nisaona an'i Arona nandritra ny telopolo andro ny firenena manontolo.

21 [1]Rehefa ren'ilay Kananita mpanjakan'i Arada, izay nonina tao Negeva, fa nandeha tany amin'ny lalana mankany
Atarima ny Israely, dia niady tamin'Israely izy ary naka ny sasany tamin'izy ireo ho babo. [2]Nivoady tamin'i Yaveh ny
Israely ary nanao hoe: "Raha omenao fandresena amin'ireo vahoaka ireo izahay, dia ho potehinay tanteraka ny
tanànan'izy ireo." [3]Nihaino ny feon'Israely i Yaveh ary nanome azy ireo ny fandresena an'ireo Kananita. Nopotehin'izy
ireo tanteraka izy ireo sy ny tanànany. Nantsoina hoe Horma izany toerana izany.
[4]Niala avy ao an-tendrombohitra Hora nandalo ny lalana mankany amin'ny Ranomasina Mena izy ireo mba handeha
hanodidina ny tanin'i Edoma. Niha-kivy tanteraka ny vahoaka teny an-dalana. [5]Niresaka nanohitra an'Andriamanitra sy
Mosesy ny vahoaka hoe: "Nahoana izahay no nentinao niakatra hivoaka an'i Egypta mba ho faty aty an'efitra? Tsy misy
mofo, tsy misy rano, ary halanay ity sakafo fadiranovana ity."
[6]Avy eo Yaveh nandefa bibilava misy poizina teo amin'ny vahoaka. Nanaikitra ny olona ireo bibilava; maro ny olona
maty. [7]Nanatona an'i Mosesy ny vahoaka ary nanao hoe: "Nanota izahay satria niresaka nanohitra anao sy Yaveh.
Mivavaha amin'i Yaveh mba hanalany ireo bibilava aminay." Koa dia nivavaka ho an'ny vahoaka i Mosesy.
[8]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Manaova bibilava ary hafatory amin'ny hazo lava izany. Izay rehetra voakaikitra dia ho
velona, raha mijery izany izy." [9]Koa nanao bibilava varahina Mosesy ary namatotra izany tamin'ny hazo lava. Raha
manaikitra olona ny bibilava, raha nijery ilay bibilava varahina izy, dia velona.
[10]Avy eo nandeha ny vahoakan'Israely ary nitoby tao Obota. [11]Nandeha avy tao ary nitoby tany Leabarima tany an'efitra
izay manatrika an'i Moaba tandrifin'ny atsinanana izy ireo.
[12]Niala avy tao izy ireo ary nitoby tany amin'ny Lohasahan-driaka Zareda. [13]Niala tao izy ireo ary nitoby tany an-dafin'ny
Reniranon'i Arnona, izay any an'efitra izay mihitatra avy any amin'ny fari-tanin'ireo Amorita. Ny Reniranon'i Arnona no
fari-tanin'i Moaba, anelanelan'ny Moabita sy ireo Amorita.
[14]Izany no antony hilazana ao amin'ny horonan-taratasin'ny Adin'i Yaveh hoe: "Vaheba any Sofa, ary ireo lohasahan-
driakan'i Arnona, [15]ny antsan'ireo lohasahan-driaka izay mitarika mankany amin'ny tanànan'i Ara ary midina mankany
amin'ny fari-tanin'i Moaba."
[16]Niala tao izy ireo ary nankany Bera, izay misy ilay fantsakana izay nitenenan'i Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Angony
miaraka ny vahoaka mba hanomezako rano azy ireo."
[17]Avy eo nikalo ity hira ity ny Israely: "Miboiboiha, ry fantsakana. Ataovy an-kira izany. [18]Ilay fantsakana izay
nohadian'ireo mpitaritsika, ilay fantsakana izay nohadian'ireo manan-kajan'ny vahoaka tamin'ny tehim-panjakana sy
tehin'izy ireo." Avy eo dia niala tao an'efitra izy ireo ary nankany Matana.
[19]Niala tao Matana izy ireo ary nankany Nahaliela, ary avy ao Nahaliela nankany Bamota, [20]ary avy ao Bamota nankany
amin'ny lohasahan-driakan'ny tany Moaba. Eo an-tampon'ny Tendrombohitra Pisga no hahatazanana ny tany efitra.
[21]Avy eo Israely nandefa mpitondra hafatra tany amin'i Sihona mpanjakan'i Amorita nanao hoe: [22]"Avelao izahay
hamakivaky eo amin'ny taninao. Tsy hivily any amin'ny saha rehetra na ny tanim-boaloboka izahay. Tsy hisotro ny rano
avy eo amin'ny fantsakanao izahay. Handeha eo amin'ny lalan'ny mpanjaka izahay mandra-piampitanay ny fari-taninao."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Fa tsy navelan'i Sihona mpanjaka handalo ny fari-tanin'izy ireo ny Israely. Fa kosa, nanangona ny tafiny i Sihona mpanjaka ary nanafika an'Israely tany an'efitra. Tonga tany Jahaza izy, izay niadiany tamin'Israely.
[24]Nanafika ny tafik'i Sihona tamin'ny lelan-tsabatra ny Israely ary naka ny tanin'izy ireo avy eo Arnona ka hatrany amin'ny renirano Jaboka, hatrany amin'ny tanin'ny vahoakan'i Amona. Ary mafy ny fari-tanin'ny vahoakan'i Amona.
[25]Naka ireo tanànan'ny Amorita rehetra ny Israely ary nipetraka tao amin'izy rehetra, isan'izany Hesboba sy ny zana-bohiny rehetra. [26]Hesbona no tanànan'i Sihona mpanjakan'ireo Amorita, izay niady tamin'ny mpanjakan'i Moaba teo aloha. Nalain'i Sihona avokoa ny taniny rehetra hatrany amin'ny fari-taniny ka hatrany amin'ny Reniranon'i Arnona.
[27]Izany no antony hilazan'ireo izay miresaka amin'ny ohabolana hoe: "Avia aty Hesbona. Aoka ilay tanànan'i Sihona ho hatsangana indray ary ho apetraka indray. [28]Nisy afo nandoro avy ao Hesbona, lelafo avy ao an-tanànan'i Sihona izay nandevona an'i Aran'i Moaba, sy ireo tompon'ireo toerana avon'i Arnona.
[29]Loza ho anao, ry Moaba! Ringana ianao, ry olon'i Kemosy. Nataony ho mpandositra ireo zanany lahy ary gadran'i Sihona mpanjakan'ireo Amorita ireo zanany vavy. [30]Fa resinay Sihona. Hesbona dia rava hatrany amin'ny lalana rehetra mankany Dibona. Resinay izy ireo teny amin'ny lalana rehetra mankany Nofa, izay mihazo an'i Medeba."
[31]Koa nanomboka nonina teo amin'ny tanin'ireo Amorita ny Israely. [32]Avy eo Mosesy nandefa olona hijery an'i Jazera. Nalain'izy ireo ny zana-bohiny ary noroahin'izy ireo izay Amorita tao.
[33]Avy eo nivily izy ireo ary niakatra ho any amin'ny lalana mankany Basana. Nivoaka nanohitra azy ireo i Oga mpanjakan'i Basana, izy sy ny tafiny, mba hiady amin'izy ireo any Edrehy. [34]Avy eo Yaveh nilaza tamin'i Mosesy hoe: "Aza matahotra azy, satria nomeko fandresena eo aminy, ny tafiny rehetra, ary ny taniny ianao. Ataovy aminy izay nataonao tamin'i Sihona mpanjakan'i Amorita, izay monina any Hesbona." [35]Koa novonoin'izy ireo izy, ireo zanany lahy, ary ny tafiny rehetra, mandra-pahafatin'ny olony rehetra. Avy eo dia nalain'izy ireo ny taniny.

22 [1]Nandeha mandra-pitobin'izy ireo tao amin'ireo lemak'i Moaba akaikin'i Jeriko, teny ampitan'ny Reniranon'i Jordana miala eo amin'ny tanàna ny vahoakan'Israely.
[2]Nahita izay rehetra nataon'ny Israely tamin'ireo Amorita i Balaka zanak'i Zipora. [3]Natahotra mafy ny vahoakan'ny Israely i Moaba satria maro loatra izy ireo, ka nihorohoro tamin'ny vahoakan'ny Israely i Moaba. [4]Niteny tamin'ireo loholon'ny Midiana ny mpanjakan'ny Moaba hoe: "Hihinana ny rehetra izay manodidina antsika tahaka ny omby mihinam-bilona eny an-tsaha ireo maro ireo." Ary i Balaka zanak'i Zipora no mpanjakan'i Moaba tamin'izany fotoana izany."
[5]Nandefa iraka ho any amin'i Balama zanak'i Beora, tao Petora izay akaikin'ny Reniranon'i Eofrata, tao amin'ny tanin'ny fireneny sy vahoakany izy. Niantso azy izy ka nanao hoe: "Indro, misy firenena avy any Egypta tonga eto. Mandrakotra ny tany izy ireo ary eto akaikiko izao. [6]Ka tongava re ankehitriny ka ozony ho ahy izany firenena izany, satria mahery loatra amiko izy ireo. Angamba mba afaka hanafika azy ireo sy handroaka azy ireo amin'ny tany aho. Fantatro fa na iza na iza tahianao dia ho voatahy, ary na iza na iza hozoninao, dia ho voaozona."
[7]Dia lasa ireo loholon'i Moaba sy ireo loholon'i Midiana, nitondra ny saran'ny sikidy. Tonga teo amin'i Balama izy ireo ka niteny taminy ireo tenin'i Balaka. [8]Hoy Balama tamin'izy ireo: "Mitoera eto anio alina. Hilaza aminareo izay lazain'i Yaveh amiko aho." Dia nitoetra tao amin'i Balama io alina io ireo mpitarik'i Moaba.
[9]Tonga teo amin'i Balama Andriamanitra ka nanao hoe: "Iza ireo lehilahy izay tonga eto aminao ireo?" [10]Namaly an'Andriamanitra i Balama hoe: "Balaka zanak'i Zipora, mpanjakan'i Moaba, no naniraka azy ireo hankaty amiko. Hoy izy: [11]'Indro, ny vahoaka izay tonga avy any Egypta dia mandrakotra ny velaran'ny taniko. Ankehitriny tongava ary ozony izy ireo ho ahy. Angamba hahavita hiady amin'izy ireo sy handroaka azy ireo aho."
[12]Namaly an'i Balama Andriamanitra hoe: "Tsy handeha miaraka amin'ireo lehilahy ireo ianao. Tsy hanozona ny vahoakan'ny Israely ianao satria efa voatahy izy ireo." [13]Nitsangana i Balama ny maraina ka niteny tamin'ireo mpitarik'i Balaka hoe: "Miverena any amin'ny taninareo satria mandà ny hamela ahy hiaraka aminareo Yaveh." [14]Dia lasa ireo mpitarik'i Moaba ka niverina tany amin'i Balaka. Hoy izy ireo: "Nandà tsy hiaraka aminay i Balama."
[15]Naniraka mpitarika maro izay be voninahitra kokoa noho ilay vondrona voalohany indray i Balaka. [16]Tonga tany amin'i Balama izy ireo ka nanao taminy hoe: "Izao no lazain'i Balaka zanak'i Zipora: 'Aoka re tsy hisy na inona na inona hanakana anao tsy hiaraka aminay, [17]satria handoa tsara lavitra sy hanome voninahitra lehibe ho anao aho, ary hanao izay rehetra lazainao ataoko. Koa mba tongava re ka ozony ho ahy izany vahoaka izany.'"
[18]Namaly Balama ka nanao tamin'ireo lehilahin'i Balaka hoe: "Na dia hanome ahy ny lapany feno volafotsy sy volamena aza i Balaka, dia tsy hihoatra ny tenin'i Yaveh, Andriamanitro, ka andatsaka na ampitombo izay lazainy amiko aho. [19]Koa ankehitriny, mba miandrasa eto ihany koa re anio alina, mba ahafantarako ny zavatra bebe kokoa izay lazain'i Yaveh amiko." [20]Tonga tamin'i Balama ny alina Andriamanitra ka nanao taminy hoe: "Satria tonga mba hiantso anao ireo lehilahy ireo, dia mitsangàna ka miaraha amin'izy ireo. Nefa izay lazaiko anao ho ataonao ihany no ataovy."
[21]Nifoha maraina i Balama, nanisy lasely ny borikiny, ka nandeha niaraka tamin'ireo mpitarik'i Moaba. [22]Nefa satria nandeha izy, dia nirehitra ny fahatezeran'Andriamanitra. Nipetraka teo an-dalana toy ny mpifahavalo amin'i Balama, izay nitaingina ny borikiny ny anjelin'i Yaveh. Niaraka taminy ihany koa ny mpanompon'i Balama roa. [23]Nahita ny anjelin'i Yaveh nijoro teo an-dalana ilay boriky ary nisy sabatra voatsoaka teny an-tanany. Niala tamin'ny lalana ilay boriky ka nankany an-tsaha. Nikapoka ny borikiny mba hamerina azy amin'ny lalana i Balama.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Dia nijoro teo amin'ny faritra tery tamin'ny lalana anelanelan'ny tanimboaloboka maro ilay anjely, ary nisy fefy teo andaniny ary fefy iray hafa teo ankilany. [25]Nahita ny anjelin'i Yaveh indray ilay boriky. Nikisina ny rindrina izy ka nanery ny tongotr'i Balama tamin'izany. Nokapohin'i Balama indray izy.
[26]Nandroso ihany ilay anjelin'i Yaveh ary nitsangana teo amin'ny toerana tery hafa izay tsy misy lalana iviliana ny andaniny sy ny ankilany. [27]Nahita ny anjelin'i Yaveh ilay boriky, ka nidaboka tamin'ny tany tao ambanin'i Balama. Nirehitra ny fahatezeran'i Balama, ka nokapohiny tamin'ny tehiny ilay boriky.
[28]Dia nanokatra ny vavan'ilay boriky i Yaveh mba hiteny izy. Hoy izy tamin'i Balama: "Inona no nataoko anao ka nahatonga anao hikapoka ahy izay intelo izay?" [29]Namaly ilay boriky i Balama hoe: "Satria niadaladala tamiko ianao. Tokony mba nisy sabatra tety an-tanako. Fa raha nisy, dia efa matiko ianao ankehitriny." [30]Hoy ilay boriky tamin'i Balama: "Moa ve tsy izaho ilay borikinao izay notaingenanao nandritra ny fiainanao rehetra mandraka ankehitriny? Moa ve efa nanam-pahazarana nanao zavatra tahaka izao taminao aho taloha?" Hoy Balama hoe: "Tsia."
[31]Dia nosokafan'i Yaveh ny mason'i Balama, ka nahita ny anjelin'i Yaveh nijoro teo amin'ny lalana ary misy sabatra voatsoaka teny an-tanany izy. Nanondrika ny lohany ka niankohoka i Balama. [32]Hoy ilay anjelin'i Yaveh taminy: "Nahoana no nikapoka ny borikinao izay intelo izay ianao? Indro, tonga tahaka ny mpifahavalo aminao aho satria ratsy ny zavatra nataonao teo anoloako. [33]Nahita ahy ny boriky ka niala ahy izay intelo izay. Raha tsy niala ahy izy, dia efa novonoiko tokoa ianao fa hamelona azy aho."
[34]Hoy Balama tamin'ilay anjelin'i Yaveh: "Nanota aho. Tsy fantatro fa nijoro teo anoloako teo an-dalana ianao. Koa ankehitriny, raha tsy mahafaly anao izany, dia hiverina aho." [35]Nefa hoy ilay anjelin'i Yaveh tamin'i Balama: "Mandrosoa miaraka amin'ireo lehilahy. Nefa ireo teny izay lazaiko anao ihany no hoteneninao." Dia niaraka tamin'ireo mpitarik'i Balaka i Balama.
[36]Rehefa ren'i Balaka fa tamy i Balama, dia nivoaka hitsena azy tao an-tanànan'i Moaba tao Arnona izy, izay tao amin'ny faritany. [37]Hoy Balaka tamin'i Balama: "Moa ve tsy naniraka lehilahy mba hiantso anao aho? Nahoana ianao no tsy tonga teto amiko? Moa ve tsy afaka manome voninahitra anao aho?"
[38]Dia namaly an'i Balaka i Balama hoe: "Indro, efa tonga eto aminao aho. Moa ve manana fahefana hilaza zavatra aho ankehitriny? Ireo teny izay apetrak'i Yaveh ao am-bavako ihany no azoko lazaina." [39]Niaraka tamin'i Balaka i Balama, ary tonga tao Kiriata-hozota izy ireo. [40]Dia nanao sorona omby sy ondry i Balaka ka nanome hena ho an'i Balama sy ireo mpitarika izay niaraka taminy.
[41]Ny maraina, dia nitondra an'i Balama niakatra tany amin'ny toerana avon'i Bala i Balaka. Ny ampahan'ireo Israelita tao an-tobin'izy ireo ihany no hitan'i Balama avy teny.

23 [1]Hoy Balama tamin'i Balaka: "Manorena alitara fito eto ho ahy ary manomàna ombilahy fito sy ondry fito." [2]Koa dia nanao araka izay nangatahin'i Balama i Balaka. Dia nanolotra omby iray sy ondry iray teo amin'ireo alitara rehetra i Balaka sy Balama. [3]Dia hoy Balama tamin'i Balaka hoe: "Mijoroa eo akaikin'ny fanatitra doranao dia handeha aho. Mety ho avy hihaona amiko angamba Yaveh. Na inona na inona asehony ahy dia ho lazaiko aminao." Koa dia lasa nankany amin'ny tampon-kavoana tsy nisy hazo izy.
[4]Rehefa teo amin'ny tampon-kavoana izy, dia nihaona taminy Andriamanitra, ary hoy Balama taminy: "Efa nanorina alitara fito aho, ary efa nanolotra ombilahy iray sy ondry iray avy teo amin'ny tsirairay." [5]Nametraka hafatra teo am-bavan'i Balama i Yaveh ka niteny hoe: "Miverena any amin'i Balaka ka miresaha aminy." [6]Koa dia niverina tany amin'i Balaka i Balama, izay nitsangana teo akaikin'ny fanatitra dorany, ary ny mpitarika an'i Moaba rehetra dia niaraka taminy.
[7]Dia nanomboka nilaza ny faminaniany i Balama ka niteny hoe: "Efa nitondra ahy avy any amin'i Arama, mpanjakan'i Moaba avy any amin'ny tendrombohitra atsinanana i Balaka. 'Avia, ozony ho ahy Jakoba,' hoy izy. 'Avia, mihantsia an'Israely.' [8]Amin'ny fomba ahoana no hanozonako ireo izay tsy mbola nozonin'Andriamanitra? Amin'ny fomba ahoana no hanoherako ireo izay tsy notoherin'i Yaveh?
[9]Avy eo an-tampon'ny vatolampy no ahitako Azy; avy eny amin'ny havoana no hijereko Azy. Indro, misy vahoaka izay mitoetra irery ary tsy mihevitra ny tenany ho firenena tsotra.
[10]Iza no afaka manisa ny vovok'i Jakoba na manisa na dia ny ampahefatr'Israely aza? Aoka ho faty amin'ny fahafatesan'ny olo-marina aho, ary aoka ny fahataperan'ny aiko ho tahaka ny azy!"
[11]Hoy Balaka tamin'i Balama: "Inona ity nataonao tamiko? Nentiko hanozona ny fahavaloko ianao, nefa indro, notahianao izy ireo." [12]Namaly i Balama ka niteny hoe: "Tsy tokony hitandrina ny hilaza izay apetrak'i Yaveh eo am-bavako ihany ve aho?"
[13]Koa hoy Balaka taminy: "Mba miaraha amiko ho any an-toeran-kafa izay hahafahanao mahita azy ireo. Ho hitanao ny akaiky indrindra amin'ireo, fa tsy izy rehetra. Any no hanozonanao azy ireo ho ahy." [14]Koa dia nentiny tao amin'ny sahan'i Zofima i Balama, teo an-tampon'ny Tendrombohitr'i Pisga, ary nanorina alitara fito hafa izy. Nanolotra ombilahy iray sy ondry iray teo amin'ny alitara tsirairay izy. [15]Avy eo dia hoy Balama tamin'i Balaka: "Mijoroa eto akaikin'ny fanatitra doranao eto, raha mbola mihaona amin'i Yaveh eny ambony eny aho."
[16]Koa dia nihaona tamin'i Balama i Yaveh ary nametraka hafatra teo am-bavany. Hoy Izy hoe: "Miverena any amin'i Balaka ary halefao aminy ny hafatro." [17]Niverina tany aminy i Balama, ary indro, nitsangana teo akaikin'ny fanatitra

dorany izy, ary niaraka taminy ireo mpitarik'i Moaba. Dia hoy Balaka taminy: "Inona no nolazain'i Yaveh?" [18]Natombok'i Balama ny faminaniany. Hoy izy hoe: "Mitsangàna, ry Balaka, ary mandrenesa. Mihainoa ahy, ianao ry zanak'i Zipora.
[19]Tsy olona Andriamanitra, ka hoe handainga, na olombeloana, ka hoe hiova hevitra. Efa nampanantena zavatra ka tsy nanao izany ve Izy? Efa niteny ve Izy fa hanao zavatra ka tsy notanterahiny izany? [20]Indro, efa nodidiana aho mba hitahy. Efa nanome fitahiana Andriamanitra, ary tsy afaka hamadika izany aho.
[21]Tsy nahita ady sarotra tao amin'i Jakoba na fahoriana tao amin'Israely Izy. Momba azy ireo Yaveh Andriamanitr'izy ireo, ary eo amin'izy ireo ny hiakiaka ho an'ny mpanjakany. [22]Andriamanitra no nitondra azy ireo avy tany Egypta tamin'ny hery tahaka ny an'ny ombidia.
[23]Tsy misy mosavy izay mihatra amin'i Jakoba, ary tsy misy zara-vintana hanisy ratsy an'Israely. Fa kosa, aoka ho lazaina ny amin'i Jakoba sy Israely hoe: "Jereo izay nataon'Andriamanitra!"
[24]Indro, mitsangana tahaka ny liom-bavy ny olona, tahaka ny fivoahan'ny liona ka mamely. Tsy mandrimandry izy raha tsy efa mihinana ny hazany ary misotro ny ràn'izay novonoiny."
[25]Dia hoy Balaka tamin'i Balama: "Aza manozona azy ireo na mitahy azy ireo akory." [26]Fa namaly Balama ka niteny tamin'i Balaka hoe: "Tsy efa nilaza taminao ve aho fa tsy maintsy milaza izay rehetra asain'i Yaveh lazaiko?" [27]Koa dia namaly an'i Balama i Balaka hoe: "Avia ary, hoentiko any amin'ny toeran-kafa ianao. Angamba mety hahafaly an'Andriamanitra ny hanozonanao azy ireo ho ahy any."
[28]Koa nentin'i Balaka teny amin'ny tampon'ny Tendrombohitra Peora, izay mahatazana ny tany efitra i Balama. [29]Hoy Balama tamin'i Balaka: "Manorena alitara fito eto ary manomàna ombilahy fito sy ondry fito." [30]Koa dia nanao araka izay nolazain'i Balama i Balaka; nanolotra ombilahy iray sy ondry iray teo amin'ny alitara tsirairay izy.

24 [1]Ary rehefa hitan'i Balama fa sitrak'i Yaveh ny hitahiana an'Israely, dia tsy nandeha nanao sikidy, tahaka ny tamin'ny andro taloha izy. Fa kosa nijery nankany amin'ny tany efitra.
[2]Nanandratra ny masony izy ka nahita fa nitoby isaky ny fokony avy ny Israely, ary dia tonga tao aminy ny Fanahin'Andriamanitra. [3]Naharay izao faminaniana izao izy ary nanao hoe: "Efa hiteny i Balama zanaka lahin'i Beora, ilay lehilahy izay midiridiry maso.
[4]Miteny sy mandre ny tenin'Andriamanitra izy. Mahita fahitana avy amin'ilay Tsitoha izy, izay eo anoloany no hiankohofany amin'ny masony mihiratra.[5]Endrey ny hakanton'ny lainao, ry Jakoba, ny toerana izay itoeranao, ry Israely!
[6]Tahaka ny lohasaha no fielezan'ireo, tahaka ny saha eny amoron'ny renirano, tahaka ny vahona izay nambolen'i Yaveh, tahaka ny sedera amoron-drano.
[7]Mikoriana avy ao an-tsinin'izy ireo ny rano, ary ireo voa nafafiny dia tsara tondraka. Ny mpanjakan'izy ireo dia ho avo noho i Agaga, ary ny fanjakan'izy ireo dia homen-kaja.
[8]Andriamanitra no mitondra azy mivoaka an'i Egypta, amin'ny tanjaka tahaka ny ombidia. Hitelina ireo firenena izay manohitra azy ireo Izy. Hanorotoro ny taolan'izy ireo Izy. Hitifitra azy ireo amin'ny tsipìkany Izy.
[9]Mamitsaka tahaka ny liona Izy, tahaka ny liona vavy. Iza no ho sahy hanelingelina Azy? Izay mitahy azy dia voatahy; izay manozona azy dia voaozona."
[10]Nirehitra tamin'i Balama ny hatezeran'i Balaka ary namokona ny tanany tamim-pahatezerana izy. Hoy Balaka tamin'i Balama: "Miantso anao mba hanozona ny fahavaloko aho, fa indro, efa intelo nitahy azy ireo ianao. [11]Koa ilaozy aho ankehitriny ka modia. Niteny ny hanome valisoa lehibe anao aho, kanefa Yaveh efa nanala anao tamin'ny fahazoana valisoa."
[12]Ary hoy Balama namaly an'i Balaka hoe: "Nolazaiko tamin'ireo mpitondra hafatra izay nalefanao taty amiko fa: [13]'Na dia nanome ny lapany feno volafotsy sy volamena ahy aza i Balaka, dia tsy afaka hihoatra ny tenin'i Yaveh sy ny zavatra ratsy na tsara, na ny zavatra tiako hatao aho. Izay nolazain'i Yaveh ahy ihany no azoko lazaina.' Tsy nolazaiko tamin'izy ireo ve izany? [14]Koa indro ankehitriny, hiverina any amin'ny vahoakako aho. Kanefa mamelà ahy ianao hampitandrina anao izay hataon'ireo vahoaka ireo amin'ny vahoakanao amin'ny andro ho avy."
[15]Nanomboka izao faminaniana izao i Balama. Hoy izy hoe: "Balama zanak'i Beora no miteny, ilay lehilahy izay mahiratra.
[16]Izao no faminanian'ilay olona izay mahare teny avy amin'Andriamanitra, izay manana fahalalana avy amin'ilay Avo Indrindra, izay manana fahitana avy amin'ilay Tsitoha, izay eo anoloany no iankohofany amin'ny fahiratana.
[17]Mahita Azy aho, fa tsy eto Izy izao. Mijery Azy aho, fa tsy eto akaiky Izy. Hisy kintana hivoaka avy amin'i Jakoba, ary tehim-panjakana hisandratra avy amin'Israely. Hanorotoro ny mpitarik'i Moaba izy ary hamotika ny taranak'i Seta rehetra.
[18]Ary dia ho lasa fananan'i Israely i Edoma, ary Seira ihany koa dia ho lasa fananan'izy ireo, ireo fahavalon'Israely, izay ho resen'i Israely amin-kery. [19]Avy amin'i Jakoba no hiavian'ny mpanjaka izay hanana ny fanapahana, ary hamotika ireo sisa tsy maty ao amin'ny tanànan'izy ireo Izy."
[20]Dia nijery an'i Amaleka i Balama ary nanomboka ny faminaniany. Hoy izy hoe: "Amaleka dia efa lehibe indrindra teo amin'ireo firenena taloha, kanefa dia ho fahapotehana no ho fiafarany."
[21]Avy eo dia nijery tany amin'ireo Kenita i Balama ary nanomboka ny faminaniany. Hoy izy hoe: "Ny toerana izay ipetrahanareo dia mahery, ary ny akaninareo dia ao amin'ny harambato. [22]Na dia izany aza anefa dia ho potika i Kaina rehefa mitondra anao ho babo i Asyria."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Ary nanomboka ny faminaniany farany i Balama. Hoy izy hoe: "Loza! Iza no ho velona rehefa hanao izany
Andriamanitra? [24]Hisy sambo ho tonga avy any amin'ny sisin'i Kitima; hanafika an'i Asyria sy handresy an'i Ebera izy
ireo, kanefa, dia ho fahapotehana ihany koa no hiafaran'izy ireo." [25]Avy eo dia niakatra i Balama ary lasa. Nody tany an-
tranony izy, ary lasa ihany koa i Balaka.

25 [1]Nitoetra tany Sitima ny Israely, ary nanomboka nijangajanga tamin'ireo vehivavin'i Moaba ireo lehilahy, [2]fa ireo
Moabita nanasa ny vahoaka ho amin'ny sorona ho an'ireo andriamanitr'izy ireo. Ka dia nihinana sy niankohoka
tamin'ireo andriamanitry ny Moabita ny vahoaka.[3]Nanatevin-daharana tamin'ny fanompoana an'i Bala Peora ireo
lehilahin'Israely, ka nirehitra tamin'Israely ny hatezeran'i Yaveh.
[4]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Vonoy avokoa ireo mpitariky ny vahoaka ka ahantòny eo anatrehako izy ireo mba
hampihariharian a azy ireo amin'ny andro, izany dia mba hiala amin'Israely ny firehitry ny hatezerako." [5]Koa dia hoy
Mosesy tamin'ireo mpitariky ny Israely hoe: "Ny tsirairay aminareo dia tsy maintsy hamono ny olony izay nanatevin-
daharana tamin'ny fanompoana an'i Bala Peora."
[6]Avy eo dia nanatona ny iray tamin'ireo lehilahin'Israely ka nitondra vehivavy Midianita iray tamin'ny fianakaviany.
Niseho teo imason'i Mosesy sy ny fivondronan'ny vahoakan'Israely rehetra izany, raha mbola nitomany teo amin'ny
fidiran'ny trano-lay fihaonana izy ireo. [7]Nony hitan'i Finehasa zanaka lahin'i Eleazara zanaka lahin'i Arona mpisorona
izany, dia nitsangana avy teo amin'ny fivondronana izy ary nandray lefona teny an-tanany.
[8]Nanaraka ireo lehilahy Israelita tao anaty trano-lay izy ka nanatsatoka ny lefona tamin'ny vatan'izy roa ireo, na ilay
lehilahy Israelita na ilay vehivavy. Koa dia nitsahatra ny areti-mandringana izay nalefan'Andriamanitra tamin'ny
vahoakan'Israely. [9]Niisa efatra arivo sy roa alina ireo matin'ny areti-mandringana.
[10]Niteny tamin'i Mosesy i Yaveh ka nanao hoe: [11]"I Finehasa zanaka lahin'i Eleazara zanaka lahin'i Arona mpisorona, efa
nanaisotra ny fahatezerako tamin'ny vahoakan'Israely satria liana tamin'ny zotom-poko tamin'izy ireo izy. Koa dia tsy
nitelina ny vahoakan'Israely tamin'ny fahasiahako Aho.
[12]Noho izany lazao hoe: 'Yaveh miteny hoe: "Indro, manome fanekem-pihavanana an'i Finehasa Aho. [13]Ho azy sy ny
taranany mandimby azy, ho fifanekem-pisoronana tsy manam-pahataperana izany satria nanana zotom-po ho Ahy,
Andriamaniny izy. Efa nanonitra ho an'ny vahoakan'Israely izy."'"
[14]Ny anaran'ilay lehilahy Israelita izay novonoina niaraka tamin'ilay vehivavy Midianita dia Zimry zanak'i Salo, mpitariky
ny fianakavian-drazana tamin'ireo Simeonita. [15]Ny anaran'ilay vehivavy Midianita izay novonoina dia Kosby zanak'i Zora,
izay loholon'ny foko sy fianakaviana tany Midiana.
[16]Ka dia niteny tamin'i Mosesy i Yaveh ary nanao hoe: [17]"Raiso tahaka ny fahavalo ny Midianita ka tafiho izy reo, [18]satria
izy ireo nandray anareo toy ny fahavalo tamin'ny fitak'izy ireo. Nitarika anareo tamin'ny ratsy izy ireo ny momban'i
Peora sy ny momban'i Kosby anabavin'izy ireo, ilay zanaky ny mpitarika tany Midiana, izay novonoina tamin'ny
andron'ny areti-mandringana tamin'ny raharahan'i Peora."

26 [1]Ary taorian'ny areti-mandringana izay nolazain'i Yaveh an'i Mosesy sy Eleazara zanak'i Arona mpisorona. Hoy Izy
hoe: [2]"Isao ny fivondronan'ny vahoakan'Israely rehetra, hatramin'ny roapolo taona no ho miakatra, araka ny
ankohonan'ny razambeny, ireo rehetra izay afaka andeha hiady ho an'ny Israely."
[3]Ary Mosesy sy Eleazara mpisorona nilaza tamin'izy ireo tao amin'ny tany lemak'i Moaba teo amoron'i Jordana tao Jeriko
nanao hoe: [4]"Isao ny vahoaka, hatramin'ny roapolo taona no ho miakatra, araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy sy ny
vahoakan'Israely, izay nivoaka ny tany Egypta.
[5]Robena no lahimatoan'Israely. Avy tamin'i Hanoka zanany ny fokon'ny Hanokita. Avy tamin'i Palo ny fokon'ny Paloita.
[6]Avy tamin'i Hezrona ny fokon'ny Hezronita. Avy tamin'i Karmy ny fokon'ny Karmita. [7]Ireo no fokon'ny taranak'i
Rebonita, izay miisa 43. 730 lahy.
[8]Zanak'i Palo i Eliaba. [9]Ary ny zanak'i Eliaba dia Nemoela sy Datana ary Abirama. Ireo ihany ilay Datana sy Abirama izay
nanaraka an'i Kora rehefa nanohitra an'i Mosesy sy Arona ary nikomy an'i Yaveh.
[10]Nanokatra ny vavany ny tany ary nitelina azy ireo niaraka tamin'i Kora rehefa maty daholo ny mpanaraka azy.
Tamin'izany fotoana izany, ny afo nandevona 250 lahy, izay lasa famantarana fampitandremana. [11]Saingy tsy lany
tamingana ny taranak'i Kora.
[12]Ny fokon'ny taranak'i Simeona dia ireto avy: avy tamin'i Nemoela, ny fokon'ny Nemoelita, avy tamin'i Jamina, ny
fokon'ny Jaminita, avy tamin'i Jakina, ny fokon'ny Jakinita, [13]avy tamin'i Zera, ny fokon'ny Zerita, avy tamin'i Saoly, ny
fokon'ny Saolita. [14]Ireo no fokon'ny taranak'i Simeonita, izay miisa 22. 200 lahy.
[15]Ny fokon'ny taranak'i Gada dia ireto avy: avy tamin'i Zefona, ny fokon'ny Zefonita, avy tamin'i Hagy, ny fokon'ny Hagita,
avy tamin'i Sony, ny fokon'ny Sonita, [16]avy tamin'i Ozny, ny fokon'ny Oznita, avy tamin'i Era, ny fokon'ny Erita, [17]avy
tamin'i Aroda, ny fokon'ny Arodita, avy tamin'i Arely, ny fokon'ny Arelita.[18]Ireo no fokon'ny taranak'i Gada, izay miisa 40.
500 lahy.
[19]Era sy Onana no zanak'i Joda, nefa maty tao amin'ny tany Kanana ireo lehilahy ireo. [20]Ny fokon'ny taranak'i Joda hafa
dia ireto avy: avy tamin'i Sela, ny fokon'ny Selita, avy tamin'i Fareza, ny fokon'ny Farezita, avy tamin'i Zera ny fokon'ny

Zerita. [21]Ny taranak'i Fareza dia ireo avy: avy tamin'i Hezrona, ny fokon'ny Hezronita, avy tamin'i Hamola ny fokon'ny Hamolita. [22]Ireo no fokon'ny taranak'i Joda, izay miisa 76. 500 lahy.
[23]Ny fokon'ny taranak'Isakara dia ireto avy: avy tamin'i Tola, ny fokon'ny Tolita, avy tamin'i Pova, ny fokon'ny Povita, [24]avy tamin'i Jasoba, ny fokon'ny Jasobita, avy tamin'i Simrona, ny fokon'ny Simronita. [25]Ireo no fokon'ny taranak'Isakara, izay miisa 64. 300 lahy.
[26]Ny fokon'ny taranak'i Zebolona dia ireto avy: avy tamin'i Sereda, ny fokon'ny Seredita, avy tamin'i Elona, ny fokon'ny Elonita, avy tamin'i Jahalela, ny fokon'ny Jahalelita. [27]Ireo no fokon'ny Zebolonita, izay miisa 60. 500 lahy.
[28]Ny fokon'ny taranak'i Josefa dia i Manase sy Efraima. [29]Ireo taranak'i Manase dia ireto avy: avy tamin'i Makira, ny fokon'ny Makirita (Makira no rain'i Gileada, avy tamin'i Gileada, ny fokon'ny Gileadita.
[30]Ny taranak'i Gileada dia ireto avy: avy tamin'i Jezera, ny fokon'ny Jezerita, avy tamin'i Heleka, ny fokon'ny Helekita, [31]avy tamin'i Asriela, ny fokon'ny Asrielita, avy tamin'i Sekema, ny fokon'ny Sekemita, [32]avy tamin'i Semida, ny fokon'ny Semidita, avy tamin'i Hefera, ny fokon'ny Heferita.
[33]Ary Zelofada zanak'i Hefera dia tsy nanan-janakalahy, fa zanaka vavy ihany. Ny anaran'ny zanaka vaviny dia Mahala sy Noa sy Hogla sy Milka ary Tirza. [34]Ireo no fokon'i Manase, izay miisa 52. 700 lahy.
[35]Ny fokon'ny taranak'i Efraima dia ireto avy: avy tamin'i Sotela, ny fokon'ny Sotelita, avy amin'i Bekera, ny fokon'ny Bekerita, avy tamin'i Tahana, ny fokon'ny Tahanita. [36]Ny taranak'i Sotela, dia avy amin'i Erana, ny fokon'ny Eranita.[37]Ireo no fokon'ny taranak'i Efraima, izay miisa 32. 500 lahy. Ireo no fokon'ny taranak'i Josefa, isaina ao amin'ny taranany tsirairay.
[38]Ny fokon'ny taranak'i Benjamina dia ireto avy: avy tamin'i Bela, ny fokon'ny Belita, avy tamin'i Asibela, ny fokon'ny Asibelita, avy tamin'i Ahirama, ny fokon'ny Ahimarita, [39]avy tamin'i Sefofama, ny fokon'ny Sefofamita, avy tamin'i Hofama, ny fokon'ny Hofamita. [40]Ny zanaka lahin'i Bela dia i Arda sy Namana. Avy tamin'i Arda nahazoana ny fokon'ny Ardita, avy tamin'i Namana nahazoana ny fokon'ny Namanita. [41]Ireo no fokon'ny taranak'i Benjamina. Miisa 45. 600 lahy izy ireo.
[42]Ny fokon'ny taranak'i Dana dia, avy tamin'i Sohama, ny fokon'ny Sohamita. Ireo no fokon'ny taranak'i Dana.[43]Ny fokon'i Sohamita manontolo dia miisa 64. 400 lahy.
[44]Ny fokon'ny taranak'i Asera dia ireto avy: avy tamin'i Jimna, ny fokon'ny Jimnita, avy tamin'i Jisvy, ny fokon'ny Jisvita, avy tamin'i Bena, ny fokon'ny Berita.[45]Ny taranak'i Bena dia ireto avy: avy tamin'i Hebera, ny fokon'ny Heberita, avy tamin'i Malkiela, ny fokon'ny Malkielita. [46]Ny anaran'ny zanakavavin'i Asera dia Sera.[47]Ireo no fokon'ny taranak'i Asera, izay miisa 53. 400 lahy.
[48]Ny fokon'ny taranak'i Naftaly dia ireto avy: avy tamin'i Jaziela, ny fokon'ny Jazielita, avy tamin'i Gony, ny fokon'ny Gonita, [49]avy tamin'i Jezera, ny fokon'ny Jezerita, avy tamin'i Silema, ny fokon'ny Silemita. [50]Ireo no fokon'ny taranak'i Naftaly, izay miisa 45. 400 lahy.
[51]Ireo no isa fenon'ny lehilahy teo amin'ny vahoakan'Israely dia 601. 730.
[52]Yaveh niteny tamin'i Mosesy ka nanao hoe: [53]"Ny tany dia tsy maintsy zaraina eo amin'ireo lehilahy tahaka ny lova iray araka ny isan'ny anarany avy.
[54]Ny amin'ny foko lehibe dia tsy maintsy omenao lova betsaka, ary ny amin'ny foko kelikely dia tsy maintsy omenao lova kely. Ny amin'ny fianakaviana rehetra dia tsy maintsy omenao lova araka ny isan'ny lehilahy izay voaiisa. [55]Na izany aza, ny tany tsy maintsy sarahina amin'ny filokana kisendrasendra. Mandova ny tany izy ireo raha ho zarana eo amin'ny fokon'ny razambeny izany. [56]Ny lovany dia tsy maintsy mizara eo amin'ny foko lehibe sy kely, nozaraina azy ireo tamin'ny filokana kisendrasendra."
[57]Ny fokon'i Levita, isaina foko isam-poko, dia ireto avy: avy tamin'i Gersona, ny fokon'ny Gersonita, avy tamin'i Kehata, ny fokon'ny Kehatita, avy amin'i Merary, ny fokon'ny Merarita. [58]Ny fokon'i Levy dia ireto avy: ny fokon'ny Libnita, ny fokon'ny Hebronita, ny fokon'ny Mahalita, ny fokon'ny Mosita, ny fokon'ny Koralta. Ary Kehata no razamben'i Amrama.
[59]Ny anaran'ny vadin'i Amrama dia i Jokebeda, taranak'i Levy, izay nateraky ny Levita tany Egypta. Dia niteraka ireo zanany tamin'i Amrama izy, dia i Arona sy Mosesy ary Miriama anabaviny.
[60]Arona niteraka an'i Nadaba sy Abiho, Eleazara ary Itamara. [61]Maty i Nadaba sy Abiho rehefa nanolotra afo tsy azo ekena teo anoloanan'i Yaveh izy ireo. [62]Ny lahy izay nisaina teo amin'izy ireo dia miisa telo arivo sy roa alina, dia ny lahy rehetra hatramin'iray volana no ho miakatra. Fa tsy voaisa teo amin'ny taranak'Israely izy ireo satria tsy nisy lova nomena azy ireo teo amin'ny vahoakan'Israely.
[63]Ireo no zavatra izay voaisan'i Mosesy sy Eleazara mpisorona. Nanisa ny vahoakan'Israely tao amin'ny lemak'i Moaba teo amoron'i Jordana tao Jeriko izy ireo. [64]Nefa teo amin'izany dia tsy nisy olona avy tamin'izay voaisan'i Mosesy sy Arona mpisorona nanisa ny taranak'Israely tao an'efitr'i Sinay.
[65]Satria Yaveh fa nilaza fa ho faty any an'efitra tokoa ireo olona rehetra ireo. Tsy nisy olona sisa tavela teo amin'izy ireo, afa-tsy Kaleba zanak'i Jefona sy Josoa zanak'i Nona.

27 [1]Dia tonga tamin'i Mosesy ny zanakavavin'i Zelofada zanaka lahin'i Hefera zanaka lahin'i Gileada zanaka lahin'i Makira zanaka lahin'i Manase, avy tamin'ny fianakaviam-ben'i Manase zanaka lahin'i Josefa. Ireto avy ny anaran'ireo zanany vavy: Mahala, Noa, Hogla, Milka, ary Tirza.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[2]Nitsangana teo anatrehan'i Mosesy, Eleazara mpisorona, ny mpitarika, ary teo anoloan'ny fiaraha-monina rehetra teo amin'ny fidirana ao amin'ny trano-lay fihaonana izy ireo. Hoy izy ireo: [3]"Maty tany an'efitra ny rainay. Tsy isan'ireo izay niray tetika tao amin'ny antokon'i Kora hanohitra an'i Yaveh izy. Matin'ny fahotany ihany izy, ary tsy nanan-janaka lahy.
[4]Nahoana ny anaran'ny rainay no nesorina tamin'ny fikambanan'ny fianakaviambeny satria tsy nanan-janakalahy izy? Omeo tany eo amin'ny havan'ny rainay izahay." [5]Dia nentin'i Mosesy teo anoloan'i Yaveh ny raharahan'izy ireo.
[6]Niteny tamin'i Mosesy i Yaveh ka nanao hoe: [7]"'Marina ny tenin'ny zanakavavin'i Zelofada. Aoka hanome tany ho azy ireo tokoa ianao avy amin'ny lovan'ireo havan-drainy, ary aoka ho azonao antoka fa ny lovan'ny rain'izy ireo dia tafita amin'izy ireo tokoa. [8]Aoka hiteny amin'ny vahoakan'ny Israely ianao ka lazao hoe: 'Raha misy olona maty ka tsy manan-janaka lahy, dia aoka hafindranao amin'ny zanakavaviny ny lovany.
[9]Raha tsy manan-janakavavy izy, dia homenao ireo rahalahiny ny lovany. [10]Raha tsy manana rahalahy izy, dia homenao ireo rahalahin-drainy ny lovany. [11]Raha tsy manana rahalahy ny rainy, dia homenao ny havany akaiky eo amin'ny fianakaviambe ny lovany, ary haka izany ho azy izy. Ho lalàna mafy haorina amin'ny didy ho an'ny vahoakan'ny Israely izany, araka izay efa nandidian'i Yaveh ahy.'"
[12]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Miakara eny an-tendrombohitra Abarima ary jereo ny tany izay nomeko ny vahoakan'ny Israely. [13]Aorian'ny fahitanao izany, ianao, ihany koa, dia hangonina any amin'ny vahoakanao, tahaka an'i Arona rahalahinao. [14]Hitranga izany satria ianareo roa dia nikomy hanohitra ny didiko tany amin'ny efitr'i Sina. Any, rehefa mikoriana amin'ny vatolampy ny rano, amin'ny fahatezeranao no tsy nahavitanao nanome voninahitra Ahy ho masina teo imason'ny fivondronana manontolo." Ireo no ranon'i Meriban'i Kadesy any amin'ny efitr'i Sina.
[15]Dia niresaka tamin'i Yaveh i Mosesy ary niteny hoe: [16]"Aoka ianao, ry Yaveh, Andriamanitry ny fanahin'olombelona rehetra, hanendry olona eo amin'ny fivondronana, [17]olona izay hivoaka sy hiditra eo amin'izy ireo ary hitarika azy ireo sy hitondra azy ireo, mba tsy ho toy ny ondry tsy misy mpiandry ny fivondronanao."
[18]Yaveh niteny tamin'i Mosesy hoe: "Alaivo Josoa zanak'i Nona, lehilahy izay hitoeran'ny Fanahiko, apetraho aminy ny tananao. [19]Apetraho eo anoloan'i Eleazara mpisorona sy eo anoloan'ny fivondronana rehetra izy, ary mandidia azy eo anoloan'ny mason'izy ireo mba hitarihana azy ireo.
[20]Aoka ianao hametraka ny fahefanao sasany aminy, mba hankatoavan'ny fiarahamonin'ny Israely rehetra azy. [21]Handeha eo alohan'i Eleazara mpisorona mba hitady ny lahatro ho azy amin'ny fanapahan-kevitr'i Orima izy. Ho amin'ny didiny no handehanan'ny olona mivoaka sy miditra, dia izy sy ny vahoakan'ny Israely rehetra miaraka aminy, ny fivondronana manontolo."
[22]Dia nataon'i Mosesy izay nandidian'i Yaveh hataony. Nalainy i Josoa ary napetrany eo anoloan'i Eleazara mpisorona sy ny fiaraha-monina manontolo izy.[23]Nametraka ny tanany taminy izy ary nandidy azy mba hitarika, araka izay efa nandidian'i Yaveh ho ataony.

28 [1]Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh ary nanao hoe:[2]"Baikoy ny vahoakan'Israely ary lazao izy ireo hoe: 'Tsy maintsy manolotra sorona ho Ahy ianao amin'ny fotoana voatondro, dia ny sakafo fanatitro natao tamin'ny afo mba hamokarana hanitra ankasitrahana ho Ahy.'
[3]Tsy maintsy lazainao ihany koa izy ireo hoe: "Izao no fanatitra natao tamin'ny afo izay tsy maintsy atolotrao ho an'i Yaveh—zanak'ondrilahy herintaona tsy misy kilema, roa isan'andro, ho fanatitra dorana mahazatra. [4]Zanak'ondry iray no tsy maintsy atolotrao amin'ny maraina, ary ny zanak'ondry iray hafa dia tsy maintsy atolotra amin'ny hariva. [5]Tsy maintsy manolotra koba tsara toto ampahafolon'ny efaha, mifangaro diloilo voakapoka iray ampahefatry ny hina ho fanatitra hohanina ianao.
[6]Izany no fanatitra dorana mahazatra izay nodidiana tao an-Tendrombohitra Sinay mba hamokatra hanitra mamerovero, fanatitra iray natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh. [7]Ny fanatitra sotroina miaraka amin'izany dia tsy maintsy iray ampahefatry ny hina ny an'ny zanak'ondry iray. Tsy maintsy ararakao eo amin'ny toerana masina ny fanatitra sotroin'ny zava-pisotro mahery ho an'i Yaveh. [8]Ilay zanak'ondry hafa dia tsy maintsy hatolotrao miaraka amin'ny fanatitra hohanina hafa amin'ny hariva tahaka ilay natolotra tamin'ny maraina. Tsy maintsy manolotra fanatitra sotroina miaraka amin'izany ihany koa ianao, fanatitra natao tamin'ny afo, mba hamokatra hanitra ankasitrahana ho an'i Yaveh.
[9]Amin'ny andro Sabata dia tsy maintsy manolotra zanak'ondrilahy roa ianao, samy herintaona tsy misy kilema, sy koba tsara toto roa ampahafolon'ny efaha ho fanatitra hohanina, mifangaro diloilo, sy fanatitra sotroina miaraka amin'izany.
[10]Izany dia ho an'ny fanatitra dorana isaky ny Sabata, ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra sy ny fanatitra dorana miaraka amin'izany.
[11]Isaky ny fiandohan'ny volana, dia tsy maintsy manolotra fanatitra dorana ho an'i Yaveh ianao. [12]Tsy maintsy manolotra vantotr'ombilahy roa, ondrilahy iray, ary zanak'ondrilahy herintaona tsy misy kilema. Tsy maintsy manolotra koba tsara toto telo ampahafolon'ny efaha ho fanatitra hohanina mifangaro diloilo ho an'ny ondrilahy iray ihany koa ianao. [13]Tsy maintsy manolotra koba tsara toto mifangaro diloilo ampahafolon'ny efaha ho fanatitra hohanina isaky ny zanak'ondry ihany koa ianao. Izany no ho fanatitra dorana, mba hamoaka hanitra mamerovero, fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.
[14]Tsy maintsy antsasaky ny hinan-divay ho an'ny omby iray ny fanatitra sotroin'ny vahoaka, ampahatelon'ny hina ny an'ny ondrilahy iray, ary iray ampahefatry ny hina ny an'ny zanak'ondry iray. Dia izany no fanatitra dorana isam-bolana

mandritra ireo volan'ny taona. [15]Ondrilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ho an'i Yaveh no tsy maintsy atolotra. Izany dia ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra sy ny fanatitra sotroina miaraka amin'izany.
[16]Mandritra ny volana voalohany, amin'ny fahefatra ambin'ny folon'ny volana, no tonga ny Pask'i Yaveh. [17]Amin'ny andro fahadimy ambin'ny folon'izany volana izany no hanaovana ny fety. Mandritra ny fito andro, tsy maintsy mofo tsy misy masirasira no hohanina. [18]Amin'ny andro voalohany, dia tsy maintsy hisy fiangonana masina hanomezana voninahitra an'i Yaveh. Aoka tsy hanao ny asa mahazatra ianao amin'izany andro izany.
[19]Fa kosa, tsy maintsy manolotra fanatitra atao amin'ny afo ianao, dia fanatitra dorana ho an'i Yaveh. Tsy maintsy manolotra vantotr'ombilahy roa, ondrilahy iray, ary zanak'ondry herintaona fito, tsy misy kilema ianao. [20]Miaraka amin'ny ondry, dia tsy maintsy manolotra fanatitra hohanina koba tsara toto mifangaro diloilo telo ampahafolon'ny efaha ianao, ary miaraka amin'ny ondrilahy, roa ampahafolony. [21]Isaky ny iray amin'reo zanak'ondry fito, dia tsy maintsy manolotra koba tsara toto ampahafolon'ny efaha ianao, [22]sy osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana mba hanaovana fanavotana ho an'ny tenanareo.
[23]Tsy maintsy hatolotrao ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra takiana isa-maraina ireo. [24]Araka ny voafaritra eto, tsy maintsy atolotrao isan'andro ireo sorona ireo, mandritra ny fito andron'ny Paska, dia ny fanatitra hohanina natao tamin'ny afo, hanitra ankasitrahana ho an'i Yaveh. Tsy maintsy atolotra izany ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra sy ny fanatitra sotroina miaraka amin'izany. [25]Amin'ny andro fahafito dia tsy maintsy miaraka amin'ny fiangonana masina mba hanome voninahitra an'i Yaveh ianao, ary aoka tsy hanao ny raharaha mahazatra ianao amin'izany andro izany.
[26]Amin'ny andron'ny voaloham-bokatra ihany koa, rehefa manatitra fanatitra hohanina vaovao ho an'i Yaveh amin'ny Herinandron'ny Firavoravoana ianao, dia tsy maintsy miaraka amin'ny fiangonana masina mba hanome voninahitra an'i Yaveh ianao, ary tsy mahazo manao ny asa mahazatra ianao amin'izany andro izany. [27]Tsy maintsy manolotra fanatitra dorana mba hahazoana hanitra mamerovero ho an'i Yaveh ianao. Tsy maintsy manolotra vantotr'ombilahy roa, ondrilahy iray, ary zanak'ondrilahy herintaona fito ianao. [28]Manolora ihany koa fanatitra hohanina miaraka amin'ireo: dia koba tsara toto mifangaro diloilo, koba tsara toto mifangaro diloilo telo ampahafolon'ny efaha ho an'ny ombilahy tsirairay ary roa ampahafolony ho an'ny ondrilahy iray.
[29]Manolora koba tsara toto mifangaro diloilo ho an'ny zanak'ondry fito tsirairay avy, [30]sy osilahy iray mba hanaovana fanavotana ho an'ny tenanareo.[31]Rehefa manolotra ireo biby tsy misy kilema ireo ianao, miaraka amin'ireo fanatitra sotroiny, izany dia fanampin'ny fanatitra mahazatra sy ny fanatitra dorana miaraka amin'izany."

29 [1]"Amin'ny volana fahafito, amin'ny andro voalohan'ny volana, dia tsy maintsy hanao fivoriana masina hankalazana an'i Yaveh ianareo. Tsy hanao ny raharaha mahazatra ianareo amin'izany andro izany. Ho andro fitsofana ireo trompetra ho anareo izany.
[2]Tsy maintsy manolotra fanatitra dorana hahatonga hanitra mamerovero ho an'i Yaveh ianareo. Tsy maintsy manolotra vantotr'ombilahy iray, ondrilahy iray, ary zanak'ondry lahy herintaona fito, samy tsy misy kilema ianareo.
[3]Tsy maintsy manolotra miaraka amin'ireo ny fanatitra hohanina, koba tsara toto voaharo diloilo, telo ampahafolon'ny efaha ho an'ny ombilahy, roa ampahafolony ho an'ny ondrilahy, [4]ary ampahafolony ho an'ny zanak'ondry tsirairay amin'ireo zanak'ondry fito ianareo. [5]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ho fanavotana anareo ianareo.
[6]Ataovy ireto fanatitra ireto amin'ny volana fahafito ho fanampin'ny fanatitra rehetra izay hataonareo isaky ny voaloham-bolana: ny fanatitra dorana voatokana sy ny fanatitra hohanina no hiaraka amin'izany. Ireo dia ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra, ny fanatitra hohanina momba ireo, ary ny fanatitra ahidin'izany. Rehefa manao izany fanatitra izany ianareo, dia hankatoa izay voadidy mba hahatonga hanitra mamerovero, fanatitra natao tamin'ny afo ho an'i Yaveh.
[7]Amin'ny andro fahafolon'ny volana fahafito dia tsy maintsy hisy fivoriana masina hankalazana an'i Yaveh. Tsy maintsy hanetry ny tenanareo ianareo ary tsy hiasa. [8]Tsy maintsy manolotra fanatitra dorana mba hahatonga hanitra mamerovero ho an'i Yaveh ianareo. Tsy maintsy manolotra vantotr'ombilahy iray, ondrilahy iray, ary zanak'ondry lahy fito herintaona ianareo. Aoka ho samy tsy misy kilema ireo.
[9]Tsy maintsy hatolotrareo miaraka amin'ireo ny fanatitra hohanina, koba tsara toto voaharo diloilo, telo ampahafolon'ny efaha ho an'ny ombilahy, roa ampahafolony ho an'ny ondrilahy, [10]ary ampahafolon'ny efaha ho an'ny tsirairay amin'ireo zanak'ondry fito. [11]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ianareo. Ho fanampin'ny fanatitra nohon'ny fahotana ho fanavotana, ny fanatitra dorana mahazatra, ny fanatitra hohanina momba ireo, ary ny fanatitra sotroina amin'izany.
[12]Amin'ny andro fahadimy ambin'ny folon'ny volana fahafito dia tsy maintsy hisy fivoriana masina hankalazana an'i Yaveh. Tsy mahazo manao ny raharaha mahazatra ianareo amin'izany andro izany, ary tsy maintsy mitandrina ny firavoravoana ho Azy mandritra ny fito andro. [13]Tsy maintsy manolotra fanatitra dorana ianareo, sorona natao tamin'ny afo hahatonga hanitra mamerovero ho an'i Yaveh. Tsy maintsy manolotra vantotr'ombilahy telo ambin'ny folo, ondrilahy roa, ary zanak'ondry lahy herintaona efatra ambin'ny folo. Aoka ho samy tsy misy kilema ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Tsy maintsy atolotrareo miaraka amin'ireo ny fanatitra hohanina, koba tsara toto voaharo diloilo, telo ampahafolon'ny efaha ho an'ny ombilahy tsirairay amin'ireo ombilahy telo ambin'ny folo, roa ampahafolony ho an'ny ondrilahy tsirairay amin'ireo ondrilahy roa, [15]ary ampahafolon'ny efaha ho an'ny tsirairay amin'ireo zanak'ondry efatra ambin'ny folo. [16]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra, ny fanatitra hohanina momba ireo, ary ny fanatitra sotroina amin'izany ianareo.
[17]Amin'ny andro faharoan'ny fivoriana, dia tsy maintsy manolotra vantotr'ombilahy roa ambin'ny folo, ondrilahy roa, ary zanak'ondry lahy efatra ambin'ny folo herintaona, samy tsy hisy kilema ianareo. [18]Tsy maintsy hampiarahanareo amin'ireo ny fanatitra hohanina, ny fanatitra sotroina ho an'ireo ombilahy, ho an'ireo ondrilahy, sy ho an'ireo zanak'ondry, manaova fanatitra maro araka izay voadidy. [19]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra, ny fanatitra hohanina momba ireo, ary ireo fanatitra sotroina amin'izany ianareo.
[20]Amin'ny andro fahatelon'ny fivoriana, dia tsy maintsy manolotra ombilahy iraika ambin'ny folo, ondrilahy roa, ary zanak'omby lahy herintaona efatra ambin'ny folo, samy tsy misy kilema ianareo. [21]Tsy maintsy hampiarahanareo amin'ireo ny fanatitra hohanina sy ny fanatitra sotroina ho an'ireo ombilahy, ho an'ireo ondrilahy, ary ho an'ireo zanak'ondry, manaova fanatitra maro araka izay voadidy. [22]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra, ny fanatitra hohanina momba izany, ary ireo fanatitra sotroina amin'izany ianareo.
[23]Amin'ny andro fahefatry ny fivoriana, dia tsy maintsy hanolotra ombilahy folo, ondrilahy roa, ary zanak'ondry lahy herintaona efatra ambin'ny folo, samy tsy hisy kilema ianareo. [24]Tsy maintsy hampiarahanareo amin'ireo ny fanatitra hohanina, ny fanatitra sotroina ho an'ireo ombilahy, ho an'ireo ondrilahy, sy ho an'ireo zanak'ondry, manaova fanatitra maro araka izay voadidy. [25]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra, ny fanatitra hohanina momba ireo, ary ireo fanatitra aidiny ianareo.
[26]Amin'ny andro fahadimin'ny fivoriana, dia tsy maintsy hanolotra ombilahy sivy, ondrilahy roa, ary zanak'ondry lahy herintaona efatra ambin'ny folo, samy tsy misy kilema ianareo. [27]Tsy maintsy hampiarahanareo amin'ireo ny fanatitra hohanina, ny fanatitra sotroina ho an'ireo ombilahy, ho an'ireo ondrilahy, sy ho an'ireo zanak'ondry, manaova fanatitra maro araka izay voadidy. [28]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra, ny fanatitra hohanina momba ireo, ary ireo fanatitra sotroina amin'izany ianareo.
[29]Amin'ny andro fahenin'ny fivoriana, dia tsy maintsy manolotra ombilahy valo, ondrilahy roa, ary zanak'ondry lahy herintaona efatra ambin'ny folo, samy tsy hisy kilema ianareo. [30]Tsy maintsy hampiarahanareo amin'ireo ny fanatitra hohanina, ny fanatitra sotroina ho an'ireo ombilahy, ho an'ireo ondrilahy, sy ho an'ireo zanak'ondry, manaova fanatitra maro araka izay voadidy. [31]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra, ny fanatitra hohanina momba ireo, ary ireo fanatitra sotroina amin'izany ianareo.
[32]Amin'ny andro fahafiton'ny fivoriana, dia tsy maintsy manolotra ombilahy fito, ondrilahy roa, ary zanak'ondry lahy herintaona efatra ambin'ny folo, samy tsy misy kilema ianareo. [33]Tsy maintsy hampiarahanareo amin'ireo ny fanatitra hohanina, ny fanatitra sotroina ho an'ireo ombilahy, ho an'ireo ondrilahy, sy ho an'ireo zanak'ondry, manaova fanatitra maro araka izay voadidy. [34]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra, ny fanatitra hohanina momba ireo, ary ireo fanatitra sotroina amin'izany ianareo.
[35]Amin'ny andro fahavalo dia tsy maintsy hanao fivoriana manetriketrika hafa ianareo. Tsy mahazo manao ny asa mahazatra ianareo amin'izany andro izany. [36]Tsy maintsy manolotra fanatitra dorana ianareo, fanatitra natao tamin'ny afo mba hahatonga hanitra mamerovero ho an'i Yaveh. Tsy maintsy manolotra ombilahy iray, ondrilahy iray, ary zanak'ondry lahy herintaona fito, samy tsy misy kilema ianareo.
[37]Tsy maintsy manolotra ireo fanatitra hohanin'izy ireo sy fanatitra sotroina ho an'ny ombilahy, ho an'ny ondrilahy, ary ho an'ny zanak'ondry, manaova fanatitra maro araka izay voadidy ianareo. [38]Tsy maintsy manolotra osilahy iray ho fanatitra nohon'ny fahotana ho fanampin'ny fanatitra dorana mahazatra, ny fanatitra hohanina momba azy ireo, ary ireo fanatitra sotroina amin'izany ianareo.
[39]Ireo no tsy maintsy haterinao ho an'i Yaveh amin'ireo firavoravoana izay efa voafaritra. Ho fanampin'ireo voady sy fanatitra an-tsitraponao izany. Tsy maintsy manolotra izany ho fanatitra dorana, fanatitra hohanina, fanatitra aidina, sy fanati-pihavanana ianareo." [40]Nolazain'i Mosesy tamin'ny vahoakan'Israely ny zavatra rehetra izay nandidian'i Yaveh azy holazaina.

30 [1]Niteny tamin'ireo mpitarika ny fokon'ny vahoakan'Israely i Mosesy. Hoy izy hoe: "Izao no nandidian'i Yaveh. [2]Rehefa misy mivoady amin'i Yaveh, na manao fianianana hamatotra ny tenany amin'ny fampanantenana, dia aoka izy tsy hivadika amin'ny teniny. Aoka izy hitana ny fampanantenany hanao izay rehetra naloaky ny vavany.
[3]Raha misy tovovavy mipetraka ao an-tranon-drainy ka manao voady amin'i Yaveh ary mamatotra ny tenany amin'ny fampanantenana, [4]raha mandre ny voady ny rainy ka mianiana amin'izay namatorany ny tenany, ary raha tsy miteny na inona na inona izy mba hampivadika azy, dia hanan-kery ihany ny voadiny. Ny fampanantenana rehetra izay namatorany ny tenany dia hanan-kery hatrany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Fa raha mandre momba ny voadiny sy ny fampanantenany ny rainy, ary raha tsy miteny na inona na inona aminy, dia
ny voady rehetra izay nataony tamin'ny tenany dia hanan-kery hatrany.
[6]Kanefa, raha mandre ny voadiny rehetra izay nataony sy ny fampanantenana manetriketrika nataony izay namatorany
ny tenany ny rainy, ary raha manapaka azy izy amin'io andro io ihany, dia tsy hijanona hanan-kery ireo. Hamela azy
Yaveh satria nanapaka azy ny rainy. [7]Raha manambady lehilahy iray izy ka mbola voafatotr'ireo voady, na manao
fampanatenana maimaika izay hanereny ny tenany, dia hanan-kery hatrany ireo fanerena ireo.
[8]Fa raha manakana azy amin'ny andro andrenesany momba izany ny rainy, dia hanafoana ny voady izay nataony izy, dia
ilay teny maimaika nataon'ny molony izay namatorany ny tenany. Hanafaka azy Yaveh.
[9]Fa ny amin'ny mpitondratena na vehivavy nisara-bady, izay rehetra namatorany ny tenany dia hana-kery aminy hatrany.
[10]Raha misy vehivavy nanao voady tao an-tranon'ny vadiny na nanery ny tenany tamin'ny fanaovana fianianana, [11]ary
ren'ny vadiny izany, saingy tsy miteny na inona na inona aminy izy ary tsy manohitra azy, dia aoka hitoetra ny voadiny
rehetra ary aoka hijanona hanan-kery ny fanerena nataony.
[12]Fa raha foanan'ny vadiny ireo amin'ny andro izay nandrenesany momba izany, izay rehetra naloaky ny molony momba
ireo voady na fampanantenana dia tsy hanan-kery. Efa nofoanan'ny vadiny izany. Hanafaka azy Yaveh.
[13]Ny voady rehetra izay ataon'ny vehivavy iray ka mamatotra azy handà ny tenany dia mety hamafisina na ho foanan'ny
vadiny. [14]Fa raha tsy miteny na inona na inona aminy isan'andro izy, dia manamafy ny voadiny rehetra izy ary mamatotra
ny fampanantenana izay nataony. Nohamafisiny ireo satria tsy nilaza na inona na inona taminy izy tamin'ny fotoana
nandrenesany momba ireo.
[15]Raha mitady ny hanafoana ny voadin'ny vadiny fotoana ela taorian'ny nandrenesany momba izany ny lehilahy, dia izy
no ho tompon'antoka amin'ny fahotany." [16]Ireo no lalàna nandidian'i Yaveh mba hambaran'i Mosesy—lalàna ho an'izay eo
amin'ny lehilahy sy ny vadiny ary eo amin'ny ray sy ny zanany vavy rehefa ao anatin'ny fahatanorany ao an-tranon'ny
fianakavian-drainy izy.

31 [1]Niresaka tamin'i Mosesy i Yaveh ary nanao hoe: [2]"Manaova valifaty amin'ireo Midianita nohon'ny nataon'izy ireo
tamin'ireo Israelita. Rehefa vita izany, dia ho faty ianao ary hangonina eo amin'ny olonao."
[3]Koa niresaka tamin'ireo vahoaka i Mosesy. Hoy izy hoe: "Rongoy fiadina ho amin'ny ady ny sasany amin'ireo olonareo
mba handehanan'izy ireo hanohitra an'ireo Midiana sy hanatanteraka valifatin'i Yaveh amin'izany. [4]Ny foko rehetra
manerana an'Israely dia tsy maintsy mandefa miaramila ho any an'ady." [5]Koa tamin'ireo olona an'arivorivon'Israely, dia
avy any amin'ny foko rehetra ho an'ny ady ny an'arivony, roa arivo sy iray alina no fitambarany.
[6]Avy eo nalefan'i Mosesy an'ady izy ireo, arivo avy amin'ny foko rehetra, niaraka tamin'i Finehasa zanaka lahin'i Eleazara
mpisorona, sy niaraka tamin'ny fanaka sasany avy ao amin'ny fitoerana masina ary trompetra eny an-tanany mba
hitsofana ny fanairana. [7]Niady tamin'ny Midiana izy ireo, araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy. Novonoin'izy ireo ny
olona rehetra. [8]Novonoiny ireo mpanjakan'i Midiana niaraka tamin'ny sisan'ny matin'izy ireo: Evy, Rekema, Zora, Hora,
ary Reba, ireo mpanjaka dimin'i Midiana. Novonoin'izy ireo tamin'ny sabatra ihany koa Balama zanaka lahin'i Beora.
[9]Nalain'ny tafik'Israely ho babo ireo vehivavin'i Midiana, ny zanak'izy ireo, ny biby fiompin'izy rehetra, ireo ondry
aman'osin'izy ireo, ary ny fananan'izy rehetra. Nalain'izy ireo ho babo avokoa ireo. [10]Nodoran'izy ireo ny tanànany
rehetra izay nonenan'izy ireo ary ireo tobiny rehetra.
[11]Nalain'izy ireo avokoa ireo babo sy gadra rehetra, na olona na biby. [12]Nentin'izy ireo tany amin'i Mosesy, Eleazara
mpisorona, ary tany amin'ny fianakaviamben'ny olon'Israely ireo gadra, ny babo, ary ireo zavatra azo. Nentin'izy ireo
tany amin'ny toby tany amin'ireo tany hain'i Moaba, amoron'i Jordana akaikin'i Jeriko ireo.
[13]Nandeha nivoaka nitsena azy ireo tany ivelan'ny toby i Mosesy, Eleazara mpisorona, sy ireo mpitarika ny fianakaviambe
rehetra. [14]Fa Mosesy dia tezitra tamin'ireo manam-pahefan'ny tafika, ireo mpifehy ny arivo sy ireo kapitenin'ny zato, izay
tonga avy any an'ady. [15]Hoy Mosesy tamin'izy ireo hoe: "Navelanareo ho velona ve ny vehivavy rehetra?
[16]Indro, nataon'ireo vehivavy ireo nanota tamin'i Yaveh ny amin'i Peora tamin'ny alalan'i torohevitr'i Balama ny
olon'Israely, rehefa niparitaka teo amin'ny fiangonan'i Yaveh ny areti-mandoza. [17]Ankehitriny ary, vonoy ny zazalahy eo
amin'ny madinika rehetra, ary vonoy ny vehivavy rehetra izay efa niara-nandry tamin'ny lehilahy.
[18]Fa ento ho anareo ny tovovavy rehetra izay tsy mbola niara-nandry tamin'ny lehilahy mihitsy. [19]Tsy maintsy mitoby
ivelan'ny tobin'Israely mandritra ny fito andro ianareo. Ianareo rehetra izay efa namono olona na nikitika olona maty—
tsy maintsy manadio ny tenanareo ianareo amin'ny andro fahatelo sy amin'ny andro fahafito—ianareo sy ireo
gadranareo. [20]Tsy maintsy manadio ny akanjonareo rehetra sy ny zavatra rehetra vita amin'ny hodi-biby sy volon'osy, ary
ny zavatra rehetra vita amin'ny hazo ianareo."
[21]Eleazara mpisorona dia nilaza tamin'ireo miaramila izay nandeha tany an'ady hoe: "Ity dia lalàna voadidy izay nomen'i
Yaveh an'i Mosesy: [22]Ny volamena, volafotsy, varahina, vy, vifotsy, sy firaka, [23]ary ny zavatra rehetra izay tsy andairan'ny
afo, dia tsy maintsy ataonareo anaty afo, ka hadio izany. Avy eo tsy maintsy diovinareo amin'ny rano fandiovana ireo
zavatra ireo. Na inona na inona tsy afaka mandalo amin'ny afo dia tsy maintsy diovinareo amin'izany rano izany.
[24]Amin'ny andro fahafito dia tsy maintsy sasanareo ny fitafianareo, ary avy eo ianareo hadio. Aorian'izany dia ho tonga ao
amin'ny tobin'Israely ianareo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[25]Avy eo Yaveh niresaka tamin'i Mosesy ary niteny hoe: [26]"Isao ireo zavatra babo rehetra izay azo, na olona na biby. Ianao, Eleazara mpisorona, ary ireo mpitarika ny fianakaviamben'ireo fokon'ny razambenao [27]dia tsy maintsy mizara ireo babo ho fizarana roa. Zarao eo amin'ireo miaramila izay nandeha an'ady sy ireo ambin'ny fianakaviambe rehetra izany.
[28]Avy eo mitakia hetra avy amin'ireo miaramila izay nandeha an'ady mba homena Ahy. Izany hetra izany dia tsy maintsy iray isan-dimanjato, na olona, biby fiompy, boriky, ondry, na osy. [29]Alaivo amin'ny antsasak'ireo izany hetra izany ary omeo an'i Eleazara mpisorona izany mba ho fanatitra hatolotra ho Ahy.
[30]Ary avy amin'ny antsasaky ny Israely ihany koa, dia tsy maintsy maka iray isan-dimam-polo ianao—avy amin'ireo olona, biby fiompy, boriky, ondry, ary osy. Omeo an'ireo Levita izay mikarakara ny tabernakeliko ireo." [31]Koa dia nataon'i Mosesy sy Eleazara mpisorona araka ny nandidian'i Yaveh.
[32]Ary ny babo izay sisa tamin'ireo azon'ireo miaramila dia ondry 675. 000, [33]omby roa arivo sy fito alina, [34]boriky arivo sy enina alina, [35]ary vehivavy roa arivo sy telo alina izay tsy mbola niara-nandry tamin'ny lehilahy mihitsy.
[36]Ny antsasany izay nohazonin'ireo miaramila dia ondry miisa 337. 000. [37]Ny anjaran'i Yaveh dia ondry 675. [38]Ireo omby dia enina arivo sy telo alina ary roa amby fito-polo no hetran'i Yaveh.
[39]30. 500 ny isan'ireo boriky ary iraika amby enim-polo no anjaran'i Yaveh. [40]Enina arivo sy iray alina ireo olona ka roa amby telopolo no hetran'i Yaveh. [41]Nalain'i Mosesy ny hetra izay tokony ho fanatitra atolotra ho an'i Yaveh. Nomeny an'i Eleazara mpisorona izany, araka ny nandidian'i Mosesy.
[42]Raha ny amin'ireo antsasaky ny olon'Israely izay nalain'i Mosesy avy amin'ireo miaramila izay nandeha tany an'ady—[43]dia ondry 337. 500, [44]omby enina arivo sy telo alina, [45]boriky 30. 500, [46]ary vehivay enina arivo sy iray alina no an'ny antsasaky ny fianakaviambe.
[47]Avy amin'ireo antsasaky ny olon'Israely, dia naka iray isan-dimam-polo i Mosesy, na olona na biby. Nomeny an'ireo Levita izay nikarakara foana ny tabernakelin'i Yaveh ireo, araka ny nandidian'i Yaveh azy mba hatao.
[48]Avy eo ireo manam-pahefan'ny tafika, ireo mpifehy ny arivo sy ireo kapitenin'ny zato, tonga tany amin'i Mosesy. [49]Hoy izy ireo taminy hoe: "Nisain'ireo mpanomponao ireo miaramila izay ambanin'ny fifehezanay, ary tsy misy na iray aza tsy ao.
[50]Nentinay ny fanatitr'i Yaveh, izay hitan'ny olona tsirairay, fanaka volamena, fehin-tanana sy haba, peratra fanombohan-kase, kavina, ary rojo, mba hanaovana fanavotana ho anay eo anoloan'i Yaveh." [51]Mosesy sy Eleazara dia nandray ny volamena sy ireo fanaky ny asa tanana rehetra avy amin'izy ireo.
[52]Ireo volamena rehetra tamin'ny fanatitra izay nomen'izy ireo an'i Yaveh—ireo fanatitra avy amin'ireo mpifehy ny arivo sy avy amin'ireo mpifehy ny zato—dia milanja sekely 16. 750. [53]Ny miaramila tsirairay dia samy naka babo, olona tsirairay ho an'ny tenany. [54]Mosesy sy Eleazara mpisorona dia naka volamena avy amin'ireo mpifehy ny arivo sy ireo kapitenin'ny zato. Nentin'izy ireo tao amin'ny trano-lay fihaonana izany ho fahatsiarovana ny olon'Israely ho an'i Yaveh.

32 [1]Ary ireo taranak'i Robena sy Gada dia nanana biby fiompy marobe. Rehefa hitan'izy ireo ny tanin'i Jazera sy Gileada, dia toerana mahafinaritra ho an'ireo biby fiompy ilay tany. [2]Dia tonga niresaka tamin'i Mosesy, tamin'i Eleazara mpisorona, ary tamin'ireo mpitarika ny fivondronana ireo taranak'i Gada sy Robena. Hoy izy ireo hoe: [3]"Ity ny lisitr'ireo toerana izay efa nohadihadianay: Atarota, Dibona, Jazera, Nimra, Hesbona, Elale, Sebama, Nebo, ary Beona.
[4]Ireo avy ireo tany izay notafihan'i Yaveh teo anoloan'ny fivondronan'Israely, ary toerana tsara ho an'ireo biby fiompy ireo. Izahay, mpanomponao, dia manana biby fiompy maro dia maro." [5]Hoy izy ireo hoe: "Raha mahita sitraka eo imasonao izahay, dia aoka mba homena anay, mpanomponao, mba ho fananana ity tany ity. Aza atao miampita amin'i Jordana izahay."
[6]Namaly an'ireo taranak'i Gada sy Robena i Mosesy hoe: "Tokony handeha mba hiady ve ireo rahalahinareo raha ianareo kosa manorim-ponenana eto? [7]Nahoana no hakiviana tsy handeha any amin'ny tany izay nomen'i Yaveh azy ireo ny fon'ireo vahoakan'Israely?
[8]Ireo razambenareo dia nanao toy izany zavatra izany rehefa nalefako avy any Kadesi-barnea mba hisafo ny tany izy ireo. [9]Niakatra tany amin'ny Lohasahan'i Eskola izy ireo. Nahita ny tany izy ireo ary avy eo nanakivy ny fon'ireo vahoakan'Israely mba handàvan'izy ireo tsy hiditra ao amin'ny tany izay nomen'i Yaveh azy ireo.
[10]Nirehitra ny hatezeran'i Yaveh tamin'io andro io. Nivoady Izy ary nanao hoe: [11]'Azo antoka fa tsy hisy amin'ireo olona izay niakatra avy tany Egypta, manomboka amin'ny roapolo taona no ho miakatra, hahita ny tany izay nianianako tamin'i Abrahama, tamin' Isaka, ary tamin'i Jakoba, satria tsy nanaraka Ahy tanteraka izy ireo, afa-tsy [12]Kaleba zanaka lahin'i Jefone Kenizita, ary Josoa zanaka lahin'i Nona. Kaleba sy Josoa ihany no tena nanaraka Ahy tanteraka.'
[13]Ka nirehitra tamin'Israely ny hatezeran'i Yaveh. Nataony nirenireny nanodidina ny tany efitra nandritra ny efapolo taona ka hatramin'ny naha-rava ireo taranaka rehetra izay nanao ratsy teo imasony izy ireo. [14]Indro, nisandratra teo amin'ny toeran'ny razambenareo ianareo, tahaka ny olona mpanota maro, mba hanampy ny firehetan'ny hatezeran'i Yaveh amin'Israely. [15]Raha mivily amin'ny fanarahana Azy ianareo, dia hamela an'Israely any amin'ny tany efitra indray Izy ary handringana ny vahoakany rehetra ianareo."
[16]Koa nanatona teo akaikin'i Mosesy izy ireo ary niteny hoe: "Avelao izahay hanorina fefy ho an'ireo biby fiompinay sy tanàna ho an'ireo ankohonanay eto. [17]Na izany aza, izahay dia ho vonona ary hitam-piadiana mba handeha miaraka

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

amin'ny tafik'Israely mandra-pametrahanay azy ireo amin'ny toeran'izy ireo. Fa ireo ankohonanay kosa dia hipetraka any amin'ireo tanàna voaaro mafy noho ireo vahoaka hafa izay mbola monina amin'ity tany ity.
18 Tsy hiverina any amin'ny fonenanay izahay mandra-pahazoan'ny tsirairay amin'ny vahoakan'Israely ny lovany avy. 19 Tsy handova ny tany miaraka amin'izy ireo any an-dafin'i Jordana izahay, satria ny lovanay dia eto amin'ny lafy atsinanan'i Jordana."
20 Ka namaly azy ireo i Mosesy hoe: "Raha manao izay lazainareo ianareo, raha manomana ny tenanareo handeha eo anatrehan'i Yaveh mba hiady ianareo, 21 ary ny tsirairay amin'ireo lehilahinareo mitam-piadiana dia tsy maintsy miampita an'i Jordana eo anatrehan'i Yaveh, mandra-pandroahany ireo fahavalony tsy ho eo anatrehany 22 ary ny tany dia resy eo anatrehany. Rehefa afaka izany dia afaka miverina ianareo. Ho tsy manan-tsiny manoloana an'i Yaveh sy manoloana an'Israely ianareo. Ity tany ity dia ho fanananareo eo anatrehan'i Yaveh.
23 Fa raha tsy manao izany ianareo, indro, hanota amin'i Yaveh ianareo. Fantaro tsara fa hahita anareo ny helokareo.
24 Manorena tanàna ho an'ireo ankohonanareo ary vala ho an'ireo ondrinareo; avy eo dia ataovy izay nolazainareo."
25 Niresaka tamin'i Mosesy ireo taranak'i Gada sy Robena ary niteny hoe: "Hanao araka izay nandidianao ny mpanomponao, ry tomponay.
26 Ireo zanaka madinikay, ireo vadinay, ireo ondry aman'osinay, ary ireo biby fiompinay rehetra dia hitoetra ao amin'ireo tanànan'i Gileada. 27 Na izany aza, izahay, mpanomponao, dia hiampita eo anatrehan'i Yaveh mba hiady, ny lehilahy rehetra izay mitam-piadiana ho amin'ny ady, araka izay nolazainao, ry tomponay."
28 Koa nanome torolalana mahakasika azy ireo tamin'i Eleazara mpisorona, tamin'i Josoa zanaka lahin'i Nona, ary tamin'ireo mpitarika ireo fokon'ny razambe tao amin'ireo fokon'ny olon'Israely i Mosesy. 29 Hoy i Mosesy tamin'izy ireo hoe: "Raha miampita an'i Jordana miaraka aminareo ireo taranak'i Gada sy Robena, ny lehilahy rehetra izay mitam-piadiana mba hiady eo anatrehan'i Yaveh, ary raha resy eo anatrehanareo ny tany, dia homenareo azy ireo ho fananana ny tanin'i Gileada. 30 Fa raha tsy miampita eo aminareo mitam-piadiana izy ireo, dia any amin'ny tanin'i Kanana izy ireo no hahazo ny fananan'izy ireo eo aminareo."
31 Koa namaly ireo taranak'i Gada sy Robena hoe: "Araka izay nolazain'i Yaveh taminay, mpanomponao, dia izao no ho ataonay. 32 Hiampita mitam-piadiana eo anatrehan'i Yaveh any amin'ny tanin'i Kanana izahay, fa ny lova anjaranay dia hijanona aminay amin'ity lafin'i Jordana ity."
33 Koa nomen'i Mosesy an'ireo taranak'i Gada sy Robena, ary koa an'ny antsasaky ny fokon'i Manase zanak'i Josefa ny fanjakan'i Sihona, mpanjakan'ireo Amorita, sy Oga, mpanjakan'i Basana. Nomeny azy ireo ny tany, ary nozarainy tamin'izy ireo ny tanànan'izany rehetra miaraka amin'ireo faritaniny, dia ireo tanànan'ny tany manodidina ireo.
34 Ireo taranak'i Gada dia namerina nanorina an'i Dibona, Atarota, Aroera, 35 Atrota-sofana, Jazera, Jogbeha, 36 Beti-nimra, ary Beti-harana mba ho tanàna voaaro mafy miaraka amin'ireo vala ho an'ny ondry.
37 Ireo taranak'i Robena dia namerina nanorina an'i Hesbona, Elale, Kiriataima, 38 Nebo, Bala-meona, Sibma—niova ny anaran'ireo taty aoriana. Nomen'izy ireo anarana hafa ireo tanàna izay naverin'izy ireo naorina. 39 Ireo taranak'i Makira zanaka lahin'i Manase dia nankany Gileada ary nanafaka izany tamin'ireo Amorita izay tao amin'izany.
40 Avy eo dia nomen'i Mosesy an'i Makira zanaka lahin'i Manase i Gileada, ary nanorim-ponenana teo ny vahoakany.
41 Nandeha i Jaira zanaka lahin'i Manase ary nambabo ireo renivohitr'izany ka niantso azy ireo hoe: Havota-jaira.
42 Nandeha i Noba ka nambabo an'i Kinata sy ireo zana-bohiny, ary nantsoiny hoe: Noba, araka ny anarany ihany izany.

33 1 Ireto avy ireo toerana nalehan'ny vahoakan'Israely taorian'ny nandaozan'izy ireo ny tany Egypta tamin'ny antoko mitam-piadian'izy ireo teo ambany fitarihan'i Mosesy sy Arona. 2 Nanoratra ireo toerana niaingan'izy ireo hatramin'izay nandehanan'izy ireo i Mosesy, araka ny nandidian'i Yaveh. Ireto avy ireo dian'izy ireo, ny toerana nifindrafindran'izy ireo.
3 Niainga avy tao Ramesesa izy ireo nandritra ny volana voalohany, tamin'ny andro fahadimy ambin'ny folon'ny volana voalohany. Ny maraina taorian'ny Paska, dia nandeha malalaka ny vahoakan'Israely, teo imason'ny Egyptiana rehetra.
4 Nitranga izany raha mbola nandevona ny lahimatoan'izy rehetra, ireo izay novonoin'i Yaveh teo amin'izy ireo ny Egyptiana, fa Izy ihany koa dia nampizaka famaizana ny andriamanitr'izy ireo.
5 Niainga tao Ramesesa ny vahoakan'Israely ary nitoby tao Sokota. 6 Niainga tao Sokota izy ireo ary nitoby tao Etama, teny amoron'ny tany efitra. 7 Niainga tao Etama izy ireo ary niverina tao Pi Hahirota, izay ampitan'i Balazefona, izay mifanandrify amin'i Migdola nitobian'izy ireo.
8 Avy eo niainga avy teny ampitan'i Pi Hahirota izy ireo ary nandalo teny afovoan-dranomasina ho any an'efitra. Nandeha nandritra ny telo andro tany an'efitr'i Etama izy ireo ary nitoby tao Mara. 9 Niainga tao Mara izy ireo ary tonga tao Elima. Tao Elima dia nisy loharano roa ambin'ny folo ary hazo rofia fitopolo. Tany no nitobian'izy ireo. 10 Niainga tao Elima izy ireo ary nitoby teny akaikin'ny Ranomasina Mena.
11 Niainga avy tao amin'ny Ranomasina Mena izy ireo ary nitoby tany efitr'i Sina. 12 Niainga avy tao amin'ny tany efitr'i Sina izy ireo ary nitoby tao Dopka. 13 Niainga tao Dopka izy ireo ary nitoby tao Alosy. 14 Niainga avy tao Alosy izy ireo ary nitoby tao Refidima, izay tsy nahitana rano ho sotroin'ny vahoaka.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Niainga avy tao Refidima izy ireo ary nitoby tao amin'ny tany efitr'i Sinay. [16]Niainga avy tao amin'ny tany efitr'i Sinay izy ireo ary nitoby tao Kibrota Hatava. [17]Niainga avy tao Kibrota Hatava izy ireo ary nitoby tao Hazerota. [18]Niainga avy tao Hazerota izy ireo ary nitoby tao Ritma.
[19]Niainga avy tao Ritma izy ireo ary nitoby tao Rimona Pareza. [20]Niainga avy tao Rimona Pareza izy ireo ary nitoby tao Libna. [21]Niainga avy tao Libna izy ireo ary nitoby tao Risa. [22]Niainga avy tao Risa izy ireo ary nitoby tao Kehelata.
[23]Niainga avy tao Kehelata izy ireo ary nitoby tao amin'ny Tendrombohitra Sapera. [24]Niainga avy tao amin'ny Tendrombohitra Sapera izy ireo ary nitoby tao Harada. [25]Niainga avy tao Harada izy ireo ary nitoby tao Makelota.
[26]Niainga avy tao Makelota izy ireo ary nitoby tao Tahata.
[27]Niainga avy tao Tahata izy ireo ary nitoby tao Tera. [28]Niainga avy tao Tera izy ireo ary nitoby tao Mitka. [29]Niainga avy tao Mitka izy ireo ary nitoby tao Hasmona. [30]Niainga avy tao Hasmona izy ireo ary nitoby tao Moserota.
[31]Niainga avy tao Moserota izy ireo ary nitoby tao Bene Jakana. [32]Niainga avy tao Bene Jakana izy ireo ary nitoby tao Hora Hagidgada. [33]Niainga avy tao Hagidgada izy ireo ary nitoby tao Jotbata. [34]Niainga avy tao Jotbata izy ireo ary nitoby tao Abrona
[35]Niainga avy tao Abrona izy ireo ary nitoby tao Eziona Gebera. [36]Niainga avy tao Eziona Gebera izy ireo ary nitoby tao Kadesy. [37]Niainga avy tao Kadesy izy ireo ary nitoby tao amin'ny Tendrombohitra Hora, teny amoron'ny tanin'i Edoma.
[38]Niakatra teny amin'ny Tendrombohitra Hora i Arona mpisorona araka ny didin'i Yaveh ary maty tany tamin'ny fahefapolo taona taorian'ny nivoahan'ny vahoakan'Israely tao Egypta, tamin'ny fahadimin'ny volana, tamin'ny andro voalohan'ny volana. [39]123 taona Arona tamin'izy maty tany amin'ny tendrombohitra Hora.
[40]Ilay Kananita, ilay mpanjakan'i Arada, izay nipetraka tany amin'ny tany efitra atsimo tao amin'ny tanin'i Kanana, dia nandre ny fahatongavan'ny vahoakan'Israely.
[41]Niainga avy tao amin'ny Tendrombohitra Hora izy ireo ary nitoby tao Zalmona. [42]Niainga avy tao Zalmona izy ireo ary nitoby tao Ponona. [43]Niainga avy tao Ponona izy ireo ary nitoby tao Obota.
[44]Niainga avy tao Obota izy ireo ary nitoby tao Lay Abarima, teny amin'ny sisin-tanin'i Moaba. [45]Niainga avy tao Lay Abarima izy ireo ary nitoby tao Dibon-gada. [46]Niainga avy tao Dibon-gada izy ireo ary nitoby tao Almon-diblataima.
[47]Niainga avy tao Almon-diblataima izy ireo ary nitoby tao amin'ny tendrombohitr'i Abarima, tandrifin'i Nebo. [48]Niainga avy tao amin'ny tendrombohitr'i Abarima izy ireo ary nitoby tao amin'ireo tany hain'i Moaba akaikin'i Jordana any Jeriko.
[49]Nitoby teo akaikin'i Jordana izy ireo, avy any Beta Jesimota hatrany Abela Sitima tao amin'ireo tany hain'i Moaba.
[50]Niteny tamin'i Mosesy i Yaveh teny amin'ny lemak'i Moaba teny akaikin'i Jordana tao Jeriko ary nanao hoe: [51]"'Miresaha amin'ny vahoakan'Israely ary lazao amin'izy ireo hoe: 'Rehefa miampita an'i Jordana ho any amin'ny tany Kanana ianareo, [52]dia tsy maintsy roahinareo eo anatrehanareo ireo mponina rehetra ao amin'ilay tany. Tsy maintsy potehinareo ireo sarin-javatra voasokitra rehetra an'izy ireo ary ravainareo ireo fitoerana avony rehetra.
[53]Aoka alainareo ho anareo ny tany ary mipetraha ao amin'izany, satria efa nomeko ho fanananareo ilay tany. [54]Tsy maintsy lovainareo amin'ny alalan'ny loka ny tany, araka ny foko tsirairay avy. Ho an'ny foko lehibe dia tsy maintsy omenareo zara lehibe amin'ny tany, ary ny foko kely dia omenareo ny zara kely amin'ny tany. Na aiza na aiza hilatsahan'ny antsapaka amin'ireo foko tsirairay avy, izany tany izany dia ho azy. Handova ilay tany araka ny fokon'ny razambenareo ianareo.
[55]Fa raha tsy voaroakanareo eo anoloanareo ireo mponin'ilay tany, dia ho tonga tahaka ny fitaovana eo amin'ny masonareo ary tsilo eo amin'ny tehezanareo ireo vahoaka izay avelanareo hijanona. Hanasarotra ny fiainanareo eo amin'ny tany izay hipetrahanareo izy ireo. [56]Dia ho ataoko aminareo ihany koa izay kasaiko ho atao amin'ireo vahoaka ireo.'"

34 [1]Niteny tamin'i Mosesy i Yaveh ka nanao hoe: [2]"'Didio ny vahoakan'Israely ary lazao izy ireo hoe: 'Rehefa hiditra ny tany Kanana ianareo, ilay tany izay ho anareo, ny tany Kanana sy ny faritry ny taniny, [3]hihitatra hatrany an'efitr'i Zina manaraka ny sisin'i Edoma ny atsimonareo. Ny sisiny atsinanana amin'ny sisiny atsimo dia ho eo amin'ny tsipika izay mifarana ao amin'ny fiafarana atsimon'ny Ranomasina Sira.
[4]Ny fari-taninareo dia hihodina mianatsimon'ny havoan'i Akrabima ary mandeha mamakivaky ny efitr'i Zina. Avy any, no mandeha mianatsimon'i Kadesi-barnea izany ary mitohy mankany Hazara-adara ary mankany Azmona. [5]Avy any, ny sisin-tany dia hiolaka avy ao Azmona mankany amin'ny lohasahan-driak'i Egypta ka manaraka izany hatrany an-dranomasina.
[6]Ny morontsiraka andrefana no ho sisin-tanin'ny Ranomasina Lehibe. Io no ho fari-tany andrefanareo.
[7]Ny fari-taninareo avaratra hihitatra manaraka ny tsipika izay havahanareo hatrany amin'ny Ranomasina Lehibe ka hatrany amin'ny Tendrombohitra Hora, [8]ary koa avy any amin'ny Tendrombohitra Hora ka hatrany Lebo-hamata, avy eo dia hatrany Zedada. [9]Avy eo ny fari-tany hitohy hatrany Zifrona ka mifarana ao Hazar-Enana. Izany no ho fari-tany avaratrareo.
[10]Avy eo mariho ny fari-taninao atsinanana hatrany Hazar-enana atsimo ka hatrany Sefama. [11]Aorian'izany ny fari-tany atsinanana hidina avy any Sefama ka hatrany Ribla, ao amin'ny faritra atsinanan'i Aina. Ny fari-tany hitohy manaraka ny faritra atsinanan'ny Ranomasina Kinereta. [12]Avy eo ny fari-tany dia hitohy mianatsimo manaraka ny Ony Jordana ka hatrany amin'ny Ranomasin-tsira. Izany no ho taninareo, manaraka ny sisiny manodidina rehetra.'"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Dia nandidy ny vahoakan'Israely i Mosesy ary nanao hoe: "Ity no tany izay ho azonareo amin'ny filokana, izay efa nodidian'i Yaveh homena ho an'ireo foko sivy sy ny atsasaky ny foko. [14]Ny fokon'ny taranak'i Robena, araka ny fanendrem-pananana ho an'ny fokon-drazan'izy ireo, ary ny fokon'ny taranak'i Gada, araka ny fanendrem-pananana ho an'ny fokon-drazan'izy ireo, ary ny antsasa-pokon'i Manase rehetra efa nandray ny tanin'izy ireo. [15]Ireo foko roa sy ny antsasa-poko efa nandray ny anjara-tany any an-dafin'ny Jordana miatsinanana an'i Jeriko, manandrify ny fiposahan'ny masoandro."
[16]Niteny tamin'i Mosesy i Yaveh ka nanao hoe:[17]"Ireto avy ny anaran'ireo lehilahy izay hizara ny tanin'ny lovanareo: Eleazara mpisorona sy Josoa zanak'i Nona. [18]Aoka ianao hifidy mpitarika iray avy isaky ny foko mba hizara ny tany ho an'ny fianakaviamben'izy ireo.
[19]Ireto avy anaran'ireo lehilahy ireo: Avy amin'ny fokon'i Joda, dia Kaleba zanak'i Jefone. [20]Avy amin'ny fokon'ny taranak'i Simeona, dia Semoela zanak'i Amihoda.
[21]Avy amin'ny fokon'i Benjamina, dia Elidada zanak'i Kislona. [22]Avy amin'ny fokon'ny taranak'i Dana mpitarika iray, dia Boky zanak'i Jogly.[23]Avy amin'ny taranak'i Josefa, avy amin'ny fokon'ny taranak'i Manase mpitarika iray, dia Haniela zanak'i Efoda.
[24]Avy amin'ny fokon'ny taranak'i Efraima mpitarika iray, dia Kemoela zanak'i Siftana. [25]Avy amin'ny fokon'ny taranak'i Zebolona mpitarika iray, dia Elifaza zanak'i Parnaka. [26]Avy amin'ny fokon'ny taranak'Isakara mpitarika iray, dia Paltiela zanak'i Azana.
[27]Avy amin'ny fokon'ny taranak'i Asera mpitarika iray, dia Ahihody zanak'i Selomy. [28]Avy amin'ny fokon'ny taranak'i Naftaly mpitarika iray, dia Pedahela zanak'i Amihoda." [29]Yaveh nandidy ireo lehilahy ireo mba hizara ny tany Kanana sy hanome ny isam-pokon'Israely ny anjaran'izy ireo.

35 [1]Ary Yaveh niteny tamin'i Mosesy teo amin'ny tany hain'i Moaba teo akaikin'ny Jordana tao Jeriko ka nanao hoe:
[2]"Mandidia ny vahoakan'ny Israely mba hanome ny sasany amin'ireo zara-taniny ho an'ireo Levita. Aoka hanome azy ireo tanàna mba honenany sy tany firaofam-bilona manodidina ireo tanàna ireo izy ireo.
[3]Hahazo izany tanàna izany mba ho fonenany ireo Levita. Ny firaofam-bilona dia ho an'ny biby fiompiny, ny ondry aman'osiny, ary ireo bibiny rehetra. [4]Ny firaofam-bilona manodidina ny tanàna izay homenao ireo Levita dia hihitatra arivo hakiho manomboka eo amin'ny mandan'ny tanàna isaky ny lalana rehetra.
[5]Handrefy roa arivo hakiho eo ivelan'ny tanàna amin'ny lafiny atsinanana ianao, ary roa arivo hakiho amin'ny lafiny atsimo, roa arivo hakiho amin'ny lafiny andrefana, ary roa arivo hakiho amin'ny lafiny avaratra. Ho firaofam-bilona ho an'ireo tanànany izany. Ny tanàna dia ho eo afovoany.
[6]Ny enina amin'ireo tanàna izay homenao ireo Levita dia atokana ho tanàna fialofana. Aoka homenareo ho toerana hahafahan'ireo olona izay namono olona mandositra ireo. Hanome tanàna roa amby efa-polo hafa ihany koa. [7]Ny tanàna izay nomenao ireo Levita dia hiisa valo amby efa-polo. Aoka homenao azy ireo miaraka amin'ny firaofam-bilony izany.
[8]Ny foko lehiben'ny vahoakan'Israely, ny foko izay manana tany bebe kokoa, dia tsy maintsy hanome tanàna bebe kokoa. Ny foko kely hanome tanàna kely. Ny foko tsirairay dia tsy maintsy hamatsy ho an'ireo Levita araka ny fizarana izay efa noraisiny avy."
[9]Dia niteny tamin'i Mosesy i Yaveh ka nanao hoe: [10]"Mitenena amin'ireo vahoakan'ny Israely ary lazao azy ireo hoe: 'Rehefa miampita eo amin'i Jordana ho any amin'ny tany Kanana ianareo, [11]dia aoka hifidy tanàna hanompo toy ny tanàna fialofana ho anao, toerana handosirana ho an'izay namono olona tsy nahy.
[12]Ho fialofana ho anareo amin'ny mpamaly faty izany tanàna izany, mba tsy ho faty mandra-pitsangany hotsaraina eo anoloan'ny fiaraha-monina ny voapanga. [13]Aoka hifidy tanàna enina ho tanàna fialofana ianareo.
[14]Tsy maintsy manome tanàna telo ao an-dafin'i Jordana sy tanàna telo ao amin'ny tany Kanana ianareo. Ho tanàna fialofana ireo. [15]Ho an'ireo vahoakan'ny Israely, ho an'ireo vahiny, ho an'izay monina eo aminareo, ireo tanàna enina ireo dia hatokana ho fialofana ho an'izay rehetra namono olona tsy nahy mandositr.
[16]Fa raha namely ny lasibany tamin'ny fitaovana vy ilay olona voapanga, ary raha maty ilay lasibany, dia ho mpamono olona tokoa ilay voapanga. Aoka ho atao maty tokoa izy. [17]Raha namely ny lasibany tamin'ny vato teny an-tanany izay mety hahafaty ilay voapanga, ary raha maty ilay lasibany, dia ho mpamono olona tokoa ilay voapanga. Ho atao maty tokoa izy. [18]Raha namely ny lasibany tamin'ny fitaovam-piadina hazo izay hahafaty azy ilay voapanga, ary maty ilay lasibany, dia ho mpamono olona tokoa ilay voapanga. Ho vonoina tokoa izy.
[19]Ny mpamaly rà dia mety hamono ilay mpamono olona. Rehefa mifanena aminy izy, dia hamono azy ilay mpamaly rà.
[20]Raha mamely ny hafa amin'ny fankahalana na manipy zavatra aminy izy, raha miafina mba hanotrika hamely azy, dia ho faty ilay lasibany, [21]na raha mamely azy amin'ny fankahalana amin'ny tanany ka mahafaty ilay lasibatra dia ho vonoina tokoa ilay voapanga izay namely azy. Mpamono olona izy. Ny mpamaly rà dia hamono ilay mpamono olona rehefa mifanena aminy izy.
[22]Fa raha mamely ny lasibatra tampoka ny olona voapanga ka tsy nisy fanomanana mialoha nohon'ny fankahalana na mitoraka zavatra izay hamely ilay lasibatra ka tsy niandriandry nanotrika [23]na raha mitoraka vato izay mety hahafaty ilay lasibatra nefa tsy hitany ilay lasibatra, dia tsy ho fahavalon'ilay lasibatra ilay voapanga; tsy nitady handratra ilay niharam-boina izy. Fa toy izao no atao rehefa maty ilay lasibatra.

[24]Amin'izany toe-javatra izany, dia hitsara ilay voapanga sy ny mpamaly rà amin'ny fototr'ireo lalàna ireo ny fiarahamonina. [25]Tsy maintsy mamonjy ilay voapanga amin'ny fahefan'ilay mpamaly rà ny fiaraha-monina. Ny fiaraha-monina dia tsy maintsy hamerina ny voapanga any amin'ny tanàna fialofana izay nandosirany tany am-boalohany. Honina any izy mandra-pahafatin'ny mpisoronabe amin'izany fotoana, ilay tokana izay voahosotra tamin'ny diloilo masina.
[26]Fa raha mivoaka amin'ny fotoana rehetra mihoatra ny faritr'ilay tanàna fialofana ho any amin'izay nandosirany ny voapanga, [27]ary raha hitan'ny ny mpamaly rà any ivelan'ny faritry ny tanàna fialofany, ary raha mamono ilay olona voapanga izy, ny mpamaly rà dia tsy ho melohina ho mpamono olona. [28]Izany dia nohon'ny tokony nitoeran'ny olona voapanga teo amin'ny tanàna fialofany mandra-pahafatin'ny mpisorona be. Aorian'ny fahafatesan'ny mpisorona be, ilay voapanga dia hiverina any amin'ny tany izay misy ny fananany manokana.
[29]Izany lalàna izany dia ho lalàna ho anareo amin'ny taranaky ny vahoaka rehetra any amin'ny toerana rehetra izay honenanareo. [30]Na iza na iza mamono olona, ny mpamono olona dia hovonoina, araka ny voamarin'ny tenin'ireo vavolombelona. Fa tenin'ny vavolombelona iray monja dia tsy afaka ny hahatonga ny olona iray ho vonoina ho faty.
[31]Ary koa, aoka tsy hanaiky ny vidim-panavotana ho an'ny ain'ny mpamono olona izay meloka nohon'ny famonoan'olona ianareo. Tsy maintsy vonoina tokoa izy. [32]Aoka tsy hanaiky ny vidim-panavotana ho an'ny olona izay mandositra any amin'ny tanàna fialofana ianareo. Aoka tsy ho amin'izany fomba izany no hamelanao azy honina ao amin'ny fitoerany mandra-pahafatin'ny mpisorona be.
[33]Aza lotoina amin'izany fomba izany ny tany izay onenanao, satria ny ràn'ny mpamono olona no mandoto ny tany. Tsy misy fanavotana ho an'ny tany rehefa latsaka amin'ny tany ny rà, afa-tsy amin'ny ràn'izay nandatsaka izany. [34]Ary aoka tsy handoto ny tany izay onenanareo ianareo satria monina ao amin'izany Aho. Izaho, Yaveh, dia monina eo amin'ny vahoakan'ny Israely.'"

36 [1]Ary ireo mpitarika ny fianakavian-drazamben'ny fianakaviam-ben'i Gileada zanak'i Makira (izay zanak'i Manase), izay avy amin'ireo fokon'ny taranak'i Josefa, dia tonga ka niteny teo anoloan'i Mosesy sy teo anoloan'ireo mpitarika izay lohan'ny fianakavian-drazamben'ny vahoakan'ny Israely. [2]Hoy izy ireo: "Yaveh no nandidy anao, ry tomponay, mba hanome anjara tany ho an'ny vahoakan'ny Israely amin'ny filokana. Nodidian'i Yaveh ianao mba hanome ny anjaran'i Zelofada rahalahinay ho an'ireo zanany vavy.
[3]Nefa raha manambady lehilahy avy amin'ny fokon'ny vahoakan'ny Israely hafa ireo zanany vavy, dia hesorina tsy ho anjaran'ny razambentsika ny anjaran'izy ireo. Hanampy ny anjaran'ireo foko izay andehanan'izy ireo izany. Amin'izany, dia hesorina tsy ho anjara voatendry ho lovantsika izany. [4]Amin'izany, rehefa tonga ny taon-Jobilin'ny vahoakan'ny Israely, dia hikambana amin'ny anjaran'ny foko izay nandehanan'izy ireo ny anjarany. Ka izany, no hanalana ny anjaran'izy ireo amin'ny anjaran'ny fokon-drazambentsika.
[5]Dia nanome baiko ny vahoakan'ny Israely, tamin'ny tenin'i Yaveh i Mosesy. Hoy izy: "Marina ny voalazan'ny fokon'ny taranak'i Josefa. [6]Izany no andidian'i Yaveh mahakasika ireo zanaka vavin'i Zelofada. Hoy Izy: 'Avelao izy ireo hanambady izay heveriny fa tsara, nefa hanambady izay ao amin'ny fokon-drainy ihany izy ireo.'
[7]Tsy misy anjaran'ny vahoakan'ny Israely hiova foko ho amin'ny foko hafa. Ny tsirairay amin'ny vahoakan'ny Israely dia hitana ny anjaran'ny fokon-drazambeny.
[8]Ny vehivavin'ny vahoakan'ny Israely tsirairay izay manan-jara ao amin'ny fokony dia tsy maintsy manambady olona avy amin'ireo fianakaviamben'ny fokon-drainy. Izany dia mba hananan'ny tsirairay amin'ny vahoakan'ny Israely lova avy amin'ireo razambeny. [9]Tsy tokony hisy anjara hifindra tanana ho an'ny foko hafa. Ny olon-drehetra amin'ireo fokon'ny vahoakan'ny Israely dia hitana ny lovany ihany."
[10]Dia nanao araka izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy ireo zanakavavin'i Zelofad. [11]Mahala, Tirza, Hogla, Milka, ary Noa, ireo zanakavavin'i Zelofada, dia nanambady ny taranak'i Manase. [12]Nanambady tao amin'ireo fianakaviamben'ireo taranak'i Manase zanak'i Josefa izy ireo. Ka izany, no nitoeran'ny lovan'izy ireo tao amin'ny foko izay an'ireo fianakaviamben-drain'izy ireo.
[13]Ireo no didy sy lalàna izay nomen'i Yaveh tamin'ny alalan'i Mosesy ho an'ny vahoakan'ny Israely teo amin'ireo lemak'i Moaba amoron'i Jordana tao Jeriko.

Deotoronomia

1 [1]Toy izao ireo teny izay nolazain'i Mosesy tamin' Israely rehetra tany an-dafin'i Jordana tany an'efitra, teny amin'ny lemaky ny lohasahan-driakan'ny onin'i Jordana tandrifin'i Sofa, teo anelanelan'i Parana, Tofela, Labana, Hazerota, ary Dizahaba. [2]Lalana iraika ambin'ny folo andro avy any Horeba mandalo ny tendrombohitra Seira hatrany Kadesa-Barnea izany.
[3]Tamin'ny taona faha-efa-polo, faha-iraika ambin'ny folon'ny volana, andro voalohan'ny volana, dia niresaka tamin'ireo vahoakan'Israely i Mosesy, nilaza tamin'izy ireo izay rehetra nandidian'i Yaveh ny mahakasika azy ireo. [4]Izany dia taorian'ny nanafihan'i Yaveh an'i Sihona mpanjakan'ireo Amorita, izay nipetraka tao Hesbona, sy Oga mpanjakan'i Basana, izay nipetraka tao Astarta tany Edrehy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Tany an-dafin'i Jordana, tao amin'ny tanin'i Moaba, i Mosesy no nanomboka nanambara ireo lalàn'Andriamanitra, manao hoe: [6]"'Niresaka tamintsika tany Horeba i Yaveh Andriamanitsika, manao hoe: 'Efa nipetraka naharitra teto amin'ity tendrombohitra ity ianareo.
[7]Tohizo indray ny dianareo, ary mandehana any amin'ny tendrombohitr'ireo Amorita sy any amin'ireo toerana rehetra eny amin'ny lemaky ny lohasahan-driakan'ny Reniranon'i Jordana, eny amin'ny tendrombohitra, eny amin'ny faritra iva, ao Negreva, sy eny amorontsiraka—eny amin'ny tany Kananita, sy any Lebanona hatrany amin'ny loharano lehibe, dia Eofrata. [8]Indro, efa nomeko anareo ny tany; mandehana ao ary lovao ny tany izay nianianan'i Yaveh tamin'ireo razambenareo— tamin'i Abrahama, tamin'Isaka, ary tamin'i Jakoba—fa omena azy ireo sy ireo taranany ao aoriany.'
[9]Niresaka taminareo aho tamin'izany fotoana izany, nanao hoe: 'Tsy zakako irery ianareo. [10]Efa nampitomboan'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo, ary, indro, ankehitriny ianareo dia maro toy ny kintana eny an-danitra. [11]Yaveh, Andriamanitry ny razanareo, anie hampitombo arivo eny ny habetsahanareo amin'izao, ary hitahy anareo, araky ny efa nampanantenainy anareo!
[12]Fa amin'ny fomba ahoana no hilanjako irery ny vesatrareo, ny enta-mavesatrareo, ary ny fifandiranareo? [13]Mangalà lehilahy hendry, lehilahy manam-pahalalana, ary lehilahy manan-daza amin'ny tsara isaky ny foko, ary hataoko ho lohanareo izy ireo.' [14]Namaly ahy ianareo ary niteny hoe: 'Ny zavatra izay nolazainao dia tsara ho ataonay'
[15]Koa dia nalaiko ireo lohany eo amin'ny fokonareo, dia ireo lehilahy hendry, sy lehilahy manan-daza tsara, ka hanao azy ireo ho lohanareo, mpifehy ny arivo, mpifehy ny zato, mpifehy ny dimam-polo, mpifehy ny folo, ary manamboninahitra, isaky ny foko. [16]Nandidy ireo mpitsara anareo aho tamin'izany fotoana izany, nanao hoe: 'Henoy ny fifamaliana eo amin'ireo rahalahinareo, ary mitsarà am-pahamarinana manoloana ny olona sy ny rahalahiny, ary ireo vahiny izay miaraka aminy.
[17]Tsy hampiseho fitanilànana na amin'iza na iza anaty fifandirana ianareo; hihaino ireo madinika ary hihaino ireo lehibe ihany koa ianareo. Tsy hatahotra ny endriky ny olona ianareo, satria an'Andriamanitra ny fitsarana. Ny fifandirana izay sarotra ho anareo, dia ho entinareo eto amiko, ka ho renesiko izany.' [18]Tamin'izany fotoana izany aho dia nandidy anareo ireo zavatra rehetra tokony hataonareo.
[19]Niala avy any Horeba isika ary nandeha nanerana ny efitra lehibe sy mampitahotra izay hitanareo, teny amin'ny lalanareo ho any amin'ny tendrombohitr'ireo Amorita, araky ny nandidian'i Yaveh Andriamanitsika antsika; ka tonga tao Kadesi-Barnea isika.
[20]Hoy aho taminareo hoe: 'Tonga ety amin'ny tany havoanan'ireo Amorita isika, izay omen'i Yaveh Andriamanitsika ho antsika. [21]Indro, Yaveh Andriamanitrao dia efa nametraka ny tany manoloana anao; mandehana, mandovà, araka ny efa nolazain'i Yaveh, ilay Andriamanitr'ireo razambenao taminao; aza matahotra na koa kivy.'
[22]Ianareo tsirairay avy dia nanatona ahy ary niteny hoe: 'Andao isika handefa lehilahy hialoha lalana antsika, mba hitadiavan'izy ireo ilay tany ho antsika, ary hitondra tatitra momba ny fomba hanafihantsika, sy momba ireo tanàna handehanantsika.' [23]Nahafinaritra ahy ilay torohevitra; naka lehilahy roa ambin'ny folo teo aminareo aho, lehilahy iray isaky ny foko. [24]Nitodi-doha izy ireo ary niakatra ho eny amin'ilay tanàna eny an-tendrombohitra, tonga tao amin'ny Lohasahan'i Eskola, ary nanao fisafoana tao.
[25]Naka ny sasan-tsasany tamin'ireo vokatra teo amin'ilay tany teny an-tanany izy ireo ary nitondra izany teo aminay. Nitondra teny ho anay koa izy ireo ka nanao hoe: 'Tany tsara izay omen'i Yaveh Andriamanintsika ho antsika izany.'
[26]Kanefa ianareo nandà ny hanafika, fa nikomy nanohitra ny didin'i Yaveh Andriamanitrareo. [27]Nitaraina tao anaty lainareo ianareo ary niteny hoe: "Satria halan'i Yaveh isika dia nentiny nivoaka ny tany Egypta, mba hanolotra antsika eny am-pelatanan'ireo Amorita mba hamotika antsika. [28]Aiza no azontsika aleha ankehitriny? Ny fontsika dia efa nampitahorin'ireo rahalahintsika hoe: 'Ngeza sady lava noho isika ireo vahoaka ireo; lehibe sy voaaro mafy manakatra ny lanitra ny tanànan'izy ireo; fanampin'izay, efa hitantsika tany ireo zanaky ny Anakita.'"
[29]Dia hoy aho taminao hoe: 'Aza mihorohoro, na koa matahotra azy ireo. [30]Yaveh Andriamanitrao, izay nandeha mialoha anao, dia hiady ho anao, tahaka ireo zavatra rehetra izay efa nataony teo imasonao ho anao tao Egypta, [31]ary koa tany an'efitra, izay nahitanao ny fomba nikarakaran'i Yaveh Andriamanitrao anao, toy ny ikarakaran'ny lehilahy iray ny zanany lahy, na taiza na taiza nalehanao mandra-pahatonganao teto amin'ity toerana ity.'
[32]Kanefa na dia teo aza izany teny izany dia tsy nino an'i Yaveh Andriamanitrareo, [33]izay nialoha lalana anareo mba hitady toerana hitobianareo ianareo, tamin'ny afon'ny alina ary tamin'ny rahon'ny andro.
[34]Ren'i Yaveh ny feon'ny teninareo ary dia tezitra Izy; nianiana Izy ary niteny hoe: [35]'Azo antoka fa tsy hisy iray amin'ireto olona avy amin'ny taranaka ratsy ireto hahita ilay tany tsara izay nianianako fa homeko ireo razanareo, [36]ankoatran'i Kaleba zanak'i Jefone; hahita izany izy. Homeko azy, sy ireo zanany ny tany izay efa nodiaviny, satria nanaraka tanteraka an'i Yaveh izy.'
[37]Tezitra tamiko nohon'ny aminareo ihany koa i Yave, manao hoe: 'Ianao ihany koa dia tsy ho any; [38]Josoa zanaka lahin'i Nona, izay mijoro eo anoloanao, dia handeha any; hampaherezo izy, satria izy no hitarika an'i Israely handova izany.
[39]Fanampin'izany, ireo zafikelinao, ireo izay nolazainao fa ho babo, izay tsy manana fahalalana ny amin'ny tsara sy ratsy ankehitriny—dia ho any izy ireo. Omeko azy ireo izany, ary ho lovainy izany. [40]Fa raha ny aminao, miverena ary mandehana any an'efitra manaraka ny lalana mankany amin'ny Ranomasina Mena.'
[41]Ary namaly ianareo ka niteny tamiko hoe: 'Nanota tamin'i Yaveh izahay; hijoro sy hiady izahay, ary hanaraka izay rehetra efa nandidin'i Yaveh Andriamanitsika ho ataontsika.' Ny lehilahy rehetra teo aminareo dia nampiditra ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fitaovam-piadiny, ary ianareo nivonona hanafika ilay tany havoana. [42]Hoy Yaveh tamiko hoe: "Lazao azy ireo hoe: "Aza manafika ary aza miady, satria tsy hiaraka aminareo Aho, ary ho resin'ireo fahavalonareo ianareo.'
[43]Toy izany no nitenenako anareo, kanefa tsy nohenoinareo. Nanohitra ny didin'i Yaveh ianareo; nirehareha ianareo ary nanafika ilay tany havoana. [44]Fa ireo Amorita, izay nipetraka teny amin'io tany havoana io, dia nivoaka nanohitra anareo ary nanenjika anareo toy ny tantely, ary namely anareo tao Seira, hatrany Horma.
[45]Niverina ary nitomany teo anatrehan'i Yaveh ianao; kanefa i Yaveh tsy nihaino ny feonao, na nijery anao. [46]Koa dia nijanona tao Kadesa nandritra ny andro maro ianao, araka ireo andro izay nijanonanao tany.

2 [1]Ary niverina ka nanohy ny dianay nankany an'efitra mankany amin'ny Ranomasina Mena izahay, araka ny nolazain'i Yaveh tamiko; dia nandeha nihodidina ny tendrombohitra Seira nandritry ny andro maro izahay. [2]Ary niresaka tamiko i Yaveh, nanao hoe: [3]'Efa ampy ny fotoana lava nandehananareo nihodidina ity tendrombohitra ity; fa mandehana mianavaratra.
[4]Baikoy ny olona, manao hoe: "Mila mandalo ny sisin-tanin'ireo rahalahinareo ianareo, dia ny taranak'i Esao, izay monina any Seira; hatahotra anareo izy ireo. Noho izany mitandrema [5]mba tsy hiady amin'izy ireo, fa tsy homeko amin'ny tanin'izy ireo ianareo, na dia tany eram-paladia hamindran'ny tongotra aza; satria efa nomeko an'i Esao ho fananana ny Tendrombohitra Seira.
[6]Vola no hividiananao sakafo amin'izy ireo, mba hahafahanao mihinana; vola ihany koa no hividiananao rano amin'izy ireo, mba hahafahanao misotro. [7]Satria Yaveh Andriamanitrao dia nitahy anao tamin'ny asan'ny tananao rehetra; efa fantany ny fandehananao amin'ity tany efitra lehibe ity. Satria niaraka taminao Yaveh Andriamanitrao nandritr'izay efa-polo taona izay, ka tsy ory na inona na inona ianao.'"
[8]Koa dia nandalo tany amin'ny tanin'ireo rahalahintsika isika, dia ny taranak'i Esao izay monina any Seira, lavitry ny lalan'i Araba, avy any Elata sy avy any Ezion-Gebera. Avy eo niverina isika ka nandalo teo amin'ny lalana mankany amin'ny tany efitr'i Moaba.
[9]Hoy Yaveh tamiko hoe: 'Aza manakorontana an'i Moaba, ary aza miady amin'izy ireo. Fa tsy homeko anao ho fananana manokana ny taniny, satria Ara efa nomeko ireo taranak'i Lota, ho fananan'izy ireo.'
[10](Nonina tany ny Emima fahiny, izay firenena lehibe, maro an'isa, ary lava tahaka ny Anakita; [11]noraisina toy ny Refaita ihany koa ireo, tahaka an'ireo Anakita; fa nantsoin'ireo Moabita hoe Emima izy ireo.
[12]Nonina tany Seira ihany koa ireo Horita fahiny, saingy noroasin'ny taranak'i Esao izy ireo. Naringany tsy ho eo anoloany izy ireo ka nipetraka teo amin'ny toeran'izy ireo, tahaka ny nataon'Israely tamin'ny tany izay nomen'i Yaveh azy ireo.)
[13]'"Ankehitriny mitsangàna ary mandehana any amin'ny lohasahan-driaka Zareda.' [14]Ary ny andro nandehananay avy any Kadesi-Barnea hatrany amin'ny lohasahan-driaka Zareda, dia naharitra valo amby telo-polo taona. Tamin'izany andro izany no nahalasa ireo lehilahy mpiady tamin'io taranaka io teo amin'ny olona, araka ny nianianan'i Yaveh tamin'izy ireo.
[15]Fanampin'izany, nanohitra izany taranaka izany ny tanan'i Yaveh mba handringanana azy ireo tsy ho eo amin'ny olona mandra-pahafatin'izy ireo.
[16]Ka dia izao no nitranga, rehefa maty ireo lehilahy mpiady ka niala teo amin'ireo olona, [17]dia niresaka tamiko i Yaveh, nanao hoe: [18]'Ankehitriny ianao dia handalo an'i Ara, moron'i Moaba. [19]Rehefa manakaiky ny tanin'i Amona ianao, dia aza manakorontana na mila ady amin'izy ireo; fa tsy hanome anareo ny tanin'ny vahoakan'i Amona ho fananana aho; satria efa nomeko an'ireo taranak'i Lota ho fananana izany.'"
[20](Izany ihany koa dia raisina ho tanin'i Refaita. Efa nonina tao ireo Refaita fahiny—fa ireo Amonita niantso azy ireo hoe Zamzomita— [21]firenena lehibe, maro an'isa, ary lava tahaka ireo Anakita. Fa Yaveh nandringana azy ireo tsy ho eo anoloan'ireo Amonita, ary noroasiny izy ireo ka nipetraka teo amin'ny toeran'izy ireo. [22]Toy izany koa no nataon'i Yaveh tamin'i vahoakan'i Esao, izay nonina tany Seira, rehefa nandringana ireo Horita tsy ho eo anoloany izy ireo, ka nandroaka azy ireo ny taranak'i Esao ary nipetraka teo amin'ny toeran'izy ireo mandrak'ankehitriny.
[23]Ary ny amin'ireo Avita izay nonina tany amin'ny tanàna lavitra tahaka an'i Gaza, dia naringan'ny Kaftorita, izay avy any Kaftora izy ireo, ka nonina tao amin'ny toeran'izy ireo.)
[24]'"Ankehitriny mitsangàna, mandehana amin'ny dianareo, ary mandalova any amin'ny lohasahan'i Arnona; indro, natolotro eo am-pelatananao i Sihona ilay Amonita, mpanjakan'i Hesbona, sy ny taniny. Santaro ny fananana, ary miadia aminy. [25]Ankehitriny dia hanomboka hametraka ny tahotra sy horohoro anao eo amin'ireo olona izay ambanin'ny lanitra iray manontolo aho; handre vaovao momba anao izy ireo ary hangovitra sy hangorohoro nohon'ny aminao.'
[26]Naniraka mpitondra hafatra avy any an'efitr'i Kedemota aho hankany amin'i Sihona, mpanjakan'i Hesbona, niaraka tamin'ny teny fihavanana, manao hoe: [27]'Avelao aho handalo eo amin'ny taninao; fa manaraka ny lalambe ny handehanako; ary tsy hivily hiankavia na hiankavanana aho.
[28]Vola no hividianako sakafo aminao, mba hahafahako mihinana; vola no hividianako rano, mba hahafahako misotro; avelao fotsiny aho handeha; [29]araka ny nataon'ny taranak'i Esao izay monina any Seira, sy ireo Moabita izay monina any Ara tamiko; mandra-pitako an'i Jordana mankany amin'ilay tany izay omen'i Yaveh Andriamanitray ho anay.'
[30]Fa Sihona, mpanjakan'i Hesbona, dia tsy hamela antsika handalo eo aminy; satria Yaveh Andriamanitrao dia nanamafy ny sainy sy nanamafy ny fony, mba hahafahany mandresy azy amin'ny herinao, izay efa nataony ankehitriny. [31]Hoy Yaveh

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tamiko hoe: 'Indro, efa nanomboka nanolotra an'i Sihona sy ny taniny teo anoloanareo Aho; santaro ny fananana izany, mba hahafahanareo mandova ny taniny.'
[32]Avy eo Sihona tonga nanohitra antsika, izy sy ireo vahoakany rehetra, mba hiady any Jahaza. [33]Fa natolotr'i Yaveh Andriamanitsika tamintsika izy ka resintsika; novonointsika ho faty izy, sy ireo zanany lahy, ary ireo vahoakany.
[34]Nalaintsika avokoa ny tanànany rehetra tamin'izany fotoana izany ary naringantsika tanteraka ny tanàna rehetra—ireo lahy sy vavy ary ireo madinika; tsy nisy navelantsika ho velona. [35]Ny biby fiompy izay azontsika, niaraka tamin'ireo fananana tao amin'ilay tanàna ihany no nalaintsika.
[36]Hatrany Aroera, izay any amin'ny sisin'ny lohasahan'i Arnona, ka hatrany amin'ny tanàna izay any amin'ny lohasaha, ka hatrany amin'ny lalana rehetra mankany Gileada, dia tsy nisy tanàna avo loatra ho antsika. Yaveh Andriamanitsika dia nanome fandresena ho antsika tamin'ireo fahavalo teo anoloantsika. [37]Tany amin'ilay tanànan'ireo taranak'i Amona ihany no tsy nandehananao, mbamin'ireo sisin'ny renirano Jaboka rehetra, sy ireo tanànan'ny havoana—na taiza na taiza noraràn'i Yaveh Andriamanitray tsy ho alehantsika.

3 [1]Ary niverina izahay ka nandeha tamin'ny lalana mankany Basana. Oga, ilay mpanjakan'i Basana, tonga sy nanafika anay, izy sy ireo vahoakany rehetra, mba hiady ao Edrehy. [2]Hoy Yaveh tamiko hoe: 'Aza matahotra azy; satria efa nomeko fandresena teo aminy ianareo ary efa nametraka ny vahoakany sy ny taniny rehetra teo ambany fahefanareo Aho. Ho ataonareo aminy izay nataonareo tamin'i Sihona, mpanjakan'i Amorita, izay mipetraka any Hesbona.
[3]Koa nomen'i Yaveh Andriamanitray anay ny fandresena an'i Oga mpanjakan'i Basana, ary ireo vahoakany rehetra dia natao teo ambany fahefanay. Novonoinay avokoa izy rehetra mandrapaha-tsy nisy tavela intsony ireo vahoakany.
[4]Nalainay avokoa ireo tanànany rehetra tamin'izany fotoana izany; tsy nisy tanàna izay tsy nalainay tamin'izy ireo: tanàna enimpolo—ny faritr'i Argoba rehetra, ny fanjakan'i Oga ao Basana.
[5]Ireo tanàna rehetra ireo dia voaaro tsara tamin'ny alalan'ny manda avo, vavahady, ary hidy mafy; afa-tsy vohitra maro izay tsy misy manda. [6]Noravanay tanteraka izy ireo, toy ny nataonay tamin'i Sihona mpanjakan'i Hesbona, noravaina tanteraka ireo tanàna rehetra—ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny zaza. [7]Fa ny biby fiompy rehetra sy ny fananana tao amin'ireo tanàna ireo kosa, dia nalainay mba ho fanananay.
[8]Tamin'izany fotoana izany no nakanay ny tany teo am-pelatanan'ireo mpanjaka roan'i Amorita, izay tany an-dafin'i Jordana, miainga eo amin'ny Lohasahan'i Arona hatrany amin'ny Tendrombohitra Hermona [9](Tendrombohitra Hermona izay nantsoin'ny Sidoniana hoe Siriona, ary nantsoin'ireo Amorita hoe Senira) [10]sy ireo tanànan'ny tany lemaka rehetra, Gileada rehetra, ary ny Basana rehetra, ny lalana rehetra mankany Saleka sy Edrehy, ireo tanànan'ny fanjakan'i Oga ao Basana."
[11](Tamin'ireo sisa velona tamin'i Refaita, dia i Oga mpanjakan'i Basana irery ihany sisa no tavela. Indro! Ny fandriany dia fandriana vy. Moa tsy tany Raba, tany amin'izay nonenan'ireo taranak'i Amona ve izany? Sivy hakiho ny halavany ary efatra hakiho ny sakany, araka ny fomba fandrefesan'ny olona.)
[12]Ny tany izay nalainay ho fananana tamin'izany fotoana izany-tamin'i Aroera, izay teo amoron'ny Lohasahan'i Arnona, ny antsasaky ny havoan'ny tanànan'i Gileada, sy ireo tanànany- dia efa nomeko an'ireo Rebonita sy ireo Gedita. [13]Ny Gileada sisa tavela sy Basana rehetra, ilay fanjakan'i Oga, dia nomeko ny antsasaky ny fokon'i Manase: ireo faritr'i Argoba rehetra, sy Basana rehetra. (Izany faritany izany ihany no antsoina hoe tanin'i Refaita.)
[14]Jaira, taranak'i Manase, dia naka ny faritr'i Argoba rehetra hatramin'i Gesorita sy Makatita. Ny faritra rehetra, eny fa na dia i Basana aza, dia nantsoiny tamin'ny anarany manokana hoe: Havota-jaira, mandraka androany.)
[15]Nomeko an'i Makira i Gileada. [16]Ireo Robenita sy ireo Gadita dia nomeko ny tany manomboka eo Gileada ka hatrany amin'ny Lohasahan'i Arnona—ny afovoan'ilay lohasaha no fari-tanin'ilay faritra—ary hatrany amin'ny Renirano Jaboka, izay fari-tanin'ny taranak'i Amona.
[17]Fari-taniny hafa ihany koa ny tany lemaky ny lohasahan-dreniranon'i Jordana, manomboka eo Kireneta hatrany amin'ny Ranomasin'i Araba (izany hoe: ilay Ranomasin-tsira) hatrany amin'ireo hantsan'ny Tendrombohitra Pisga atsinanana.
[18]Nandidy anareo aho tamin'izany fotoana izany, nanao hoe: 'Yaveh Andriamanitrareo dia efa nanome anareo ity tany ity mba ho lova; ianareo, izay voaomana ho an'ny ady rehetra, dia hitam-piadiana hita eo anoloan'ireo rahalahinareo, ireo olon'Israely.
[19]Fa ireo vadinareo, ireo zanakareo, sy ireo biby fiompinareo (Fantatro fa manana biby fiompy maro be ianareo), dia hipetraka amin'ireo tanànanareo izay efa nomeko anareo, [20]mandra-panomen'i Yaveh fitsaharana an'ireo rahalahinareo, tahaka ny nataony anareo, mandra-pananan'izy ireo ny tany izay omen'i Yaveh Andriamanitrareo azy ireo any an-dafin'i Jordana; avy eo ianareo, ianareo rehetra, hiverina ho any amin'ny fananan areo manokana izay efa nomeko anareo.'
[21]Nandidy an'i Josoa aho tamin'izany fotoana izany, nanao hoe: "Ireo masonao dia efa nahita izay rehetra nataon'i Yaveh tamin'ireo mpanjaka roa ireo; Yaveh dia hanao toy izany amin'ireo fanjakana rehetra izay hitànareo. [22]Tsy hatahotra azy ireo ianareo, satria Yaveh Andriamanitrareo no ilay iray izay hiady ho anareo."
[23]Nitalaho tamin'i Yaveh aho tamin'izany fotoana izany, nanao hoe: [24]"O ry Tompo Yaveh, nanomboka nampiseho ny halebiazanao sy ny tananao mahery tamin'ny mpanomponao Ianao; fa aiza any an-danitra na ety an-tany no misy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

andriamanitra afaka manao ireo asa toy ny efa natanao, sy ireo asa mahery tahaka izany? [25]Avelao aho hita, mitalaho aminao aho, ka hahita ny tany tsara izay any an-dafin'i Jordana, ny havoana tsaran'ny tanàna, ary Lebanona ihany koa."
[26]Fa tezitra tamiko Yaveh noho ianao; tsy nihaino ahy Izy. Hoy i Yaveh tamiko: "Aoka ho ampy anao ity-aza miresaka betsaka amiko momba izany olana izany: [27]miakara any an-tampon'i Pisga ary ampijereo any andrefana, any avaratra, any atsimo, ary any antsinanana ny masonao; jereo amin'ny masonao, satria tsy hita an'i Jordana ianao.
[28]Fa kosa, ampianaro i Josoa ary ampaherezo sy hatanjaho izy, satria izy no handeha manoloana ny olony, ary izy no hahatonga azy ireo handova ny tany izay ho hitanao." [29]Noho izany dia nijanona tao amin'ny lohasaha ampitan'i Beti-Peora izahay.

4 [1]Ankehitriny, ry Israely, mihainoa ny lalàna sy ny didy izay ho ampianariko anareo, ho ataonareo; mba hahavelomanareo sy hidiranareo ka hakanareo ny tany izay homen'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razanareo anareo.
[2]Aoka ianareo tsy hanampy ny teny izay handidiako anareo, na hanala amin'izany, mba hitandremanareo ireo lalàn'i Yaveh Andriamanitrareo izay handidiako anareo.
[3]Ny masonareo dia efa nahita izay nataon'i Yaveh noho Bala-Peora; satria ny olona rehetra izay nanaraka an'i Bala-peora, dia noringanin'i Yaveh Andriamanitrao hiala teo aminao. [4]Fa ianareo izay nifikitra tamin'i Yaveh Andriamanitrareo kosa dia mbola velona ankehitriny, ny rehetra aminareo.
[5]Indro, nampianatra didy aman-dalàna anareo aho, araka izay nandidian'i Yaveh Andriamanitro ahy, fa tokony hanao izany eo afovoan'ny tany izay hidiranareo mba ho azonareo ianareo. [6]Koa tandremo izany ka ataovy; fa izany no fahendrena sy fahazavan-tsainareo eo imason'ny olona izay handre momba ireo didy rehetra ireo ka hanao hoe: 'Azo antoka fa vahoaka hendry sady manam-pahalalana ity firenena lehibe ity.'
[7]Fa iza no firenena lehibe hafa izay manana andriamanitra akaiky azy tokoa, tahaka an'i Yaveh Andriamanitsika isaky ny miantso Azy isika? [8]Iza no firenena lehibe hafa izay manana didy aman-dalàna marina tahaka ity lalàna izay apetrako eto anoloanareo anio ity?
[9]Fa mitandrema ary ambeno tsara ny tenanao, mba tsy hanadinoinao ny zavatra izay hitan'ny masonao, ary mba tsy handao ny fonao amin'ny androm-piainanao manontolo izany. Fa kosa, ampahafantaro amin'ny zanakao sy ny zafinao izany. [10]Tamin'ny andro izay nijoroanao teo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao tany Horeba, dia nilaza tamiko Yaveh hoe: 'Vorio ho Ahy ny vahoaka, ary Izaho hampandre azy ireo ny teniko, mba hianaran'izy ireo hahatahotra Ahy amin'ny andro-piainan'izy ireo rehetra eto an-tany, ka hahafahan'izy ireo mampianatra ny zanany.'
[11]Dia nanakaiky ianareo ary nijoro teo am-pototry ny tendrombohitra. Nirehitra afo nanakatra ny halalin'ny lanitra ny tendrombohitra, niaraka tamin'ny aizina, rahona, ary aizim-pito matevina. [12]Niteny taminareo avy tao afovoan'ny afo Yaveh; nandre ny feo niaraka tamin'ny teny ianareo, saingy tsy nahita endrika; nandre feo fotsiny ihany ianareo.
[13]Nanambara taminareo ny fanekena izay nodidiany hampiharinareo Izy, dia ny Didy Folo. Nosoratany tamin'ny vato fisaka roa izany. [14]Nandidy ahy hampianatra anareo ny didy sy baiko Yaveh tamin'izany fotoana izany, mba hanaovanareo izany any amin'ny tany izay hiampitanareo ka halainareo ho fananana.
[15]Koa mitandrema tsara—fa tsy nahita karazan'endrika ianareo tamin'izany andro niresahan'i Yaveh taminareo tao Horeba avy teo afovoan'ny afo izany— [16]mba tsy hanimba tena ianareo ka hanamboatra sary sokitra mitovy endrika amin'izay mety ho voahary rehetra, dia endrik'olona lahy na vavy, [17]na mitovy endrika amin'izay mety ho biby rehetra eto an-tany, na mitovy endrika amin'izay mety ho biby manan'elatra ary manidina eny amin'ny habakabaka, [18]na mitovy endrika amin'ny zavatra rehetra izay mandady amin'ny tany, na mitovy endrika amin'ny trondro any anaty rano ambany tany.
[19]Aoka ny masonao tsy hiandrandra ny lanitra ary hijery ny masoandro, ny volana, na ny kintana— ny zavatra rehetra eny amin'ny lanitra—ka ho voataona hivavaka amin'ireny sy hanompo an'ireny—ireo zavatra izay nanomezan'i Yaveh Andriamanitrao anjara ho an'ny firenena rehetra ambanin'ny lanitra. [20]Fa Yaveh naka anareo ka nitondra anareo niala avy tao amin'ny fatana fandrendreham-by, dia avy tany Egypta, mba ho vahoaka izay lovany manokana, tahaka anareo ankehitriny.
[21]Tezitra tamiko Yaveh nohon'ny aminareo; nianiana Izy fa tsy hiampita an'i Jordana aho, ary tsy hiditra ao amin'izany tany soa izany, dia ny tany izay omen'i Yaveh Andriamanitrao ho lovanao. [22]Fa kosa, tsy maintsy ho faty eto amin'ity tany ity aho; tsy mahazo miampita an'i Jordana aho; fa ianareo kosa dia hiampita ary hahazo izany tany soa izany.
[23]Tandremo tsara ny tenanareo, mba tsy hanadino ny faneken'i Yaveh Andriamanitrareo, izay nataony taminareo, ka hanamboatra sary sokitra mitovy endrika amin'izay rehetra nandraran'i Yaveh Andriamanitrao tsy ho ataonao. [24]Fa afo mandevona Yaveh Andriamanitrao, ary Andriamanitra saro-piaro.
[25]Rehefa manan-janaka aman-jafy ianao, ary rehefa nitoetra ela tao amin'ny tany, ary raha manimba ny tenanao ka manao sary sokitra araka ny endrik'izay mety ho zavatra rehetra, ary manao izay ratsy eo imason'i Yaveh Andriamanitrao, mba hampihetsika ny fahatezerany— [26]dia miantso ny lanitra sy ny tany aho anio ho vavolombelona aminareo fa ho ringana hiala eo amin'ny tany izay hitànareo an'i Jordana ho fanananareo tokoa ianareo; tsy ho lava andro ao ianareo, fa ho ringana tanteraka.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[27]Ho aparitak'i Yaveh eo amin'ny vahoaka ianareo, ka ho avela vitsy an'isa eo amin'ireo firenena, izay hitondran'i Yaveh anareo ianareo. [28]Any ianareo no hanompo andriamanitra hafa, izay asan'ny tanan'olombelona, vita amin'ny hazo sy vato, izay sady tsy mahita, no tsy mandre, no tsy mihinana, na manimbolo.
[29]Fa avy any ianareo no hitady an'i Yaveh Andriamanitrareo, ka hahita Azy, rehefa mitady Azy amin'ny fonareo manontolo sy amin'ny fanahinareo manontolo ianareo.
[30]Rehefa ory ianareo, ary rehefa tonga aminareo izany zavatra rehetra izany, dia hiverina amin'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo ka hihaino ny feony any aoriana any. [31]Fa Andriamanitra mpamindra fo Yaveh Andriamanitrareo; tsy handao na handringana anareo Izy, na hanadino ny faneken'ny razanareo izay nianianany tamin'izy ireo.
[32]Fa izao dia hevero ny andro lasa, izay talohanareo: nanomboka tamin'ny andro izay naharian'Andriamanitra ny olombelona teto an-tany, ary nanomboka tamin'ny ilan'ny lanitra ka hatreo amin'ny ilany hafa, hevero raha nisy tahaka izany zavatra lehibe izany, ary moa ve nisy zavatra tahaka izany mbola re? [33]Moa ve efa nisy vahoaka nandre ny feon'Andriamanitra niteny avy teo afovoan'ny afo, tahaka ny nandrenesanareo, ka velona?
[34]Na moa ve Andriamanitra efa nitady ny handeha ka haka firenena ho Azy avy eo afovoan'ny firenena hafa, amin'ny alalan'ny fitsapana, famantarana, ary amin'ny fahagagana, sy ady, amin'ny tanana mahery, sy sandry mitsotra, ary amin'ny horororo lehibe, tahaka ny zava-drehetra izay nataon'i Yaveh teo imasonareo ho anareo tany Egytpta?
[35]Ianao no nampisehoana ireny zavatra ireny, mba hahafantaranao fa Yaveh no Andriamanitra, ary tsy misy hafa ankoatra Azy. [36]Avy tany an-danitra no nampandrenesany anao ny feony, mba hahafahany mampianatra anao; teto an-tany no nampisehoany anao ny afony lehibe; nandre ny feony avy teo afovoan'ny afo ianao.
[37]Satria tia an'ireo razambenao Izy, dia nifidy ny taranaka izay nandimby azy ireo, ka nitondra anao nivoaka an'i Egypta teo amin'ny fanatrehany, tamin'ny heriny lehibe; [38]mba handroahana ny firenena lehibe sy matanjaka noho ianao hiala eo anoloanao, ka hampiditra anao ao, mba hanomezana anao ny tanin'izy ireo ho lova, tahaka ny androany.
[39]Koa fantaro ary anio, ary ataovy ao am-ponao izao, fa Yaveh no Andriamanitra any an-danitra any ambony sy ety an-tany ety ambany; ary tsy misy hafa. [40]Hitandrina ny didiny sy ny lalàny izay handidiako anao anio ianao, mba ho lavorary ny aminao sy ny taranaka mandimby anao, ary mba hahalava ny andro hiainanao ao amin'ny tany izay omen'i Yaveh anao mandrakizay."
[41]Avy eo dia nisafidy tanàna telo avy teny amin'ny ilany antsinanan'i Jordana i Mosesy, [42]mba hahafahan'ny olona mandositra any amin'ny iray amin'ireo raha sendra mamono olon-kafa tsinahy izy, kanefa mbola tsy fahavalony tany aloha tany. Ny fandosirana any amin'ny iray amin'ireo tanàna ireo no mety hahatafavoaka velona azy. [43]Bezera tany an-tany efitra, tany amin'ny tany lemaka, any Robenita; Ramota tao Gileada, an'ny Gadita; ary Golana tany Basana, an'ny Manasita izany.
[44]Izany no lalàna izay napetrak'i Mosesy teo anoloan'ireo vahoakan'Israely; [45]ireo no fanekem-pihavanana, lalàna, ary didy hafa izay nambarany tamin'ny vahoakan'Israely rehefa nivoaka avy tao Egypta izy ireo, [46]rehefa teny atsinanan'i Jordana izy ireo, tany amin'ny lohasaha nanandrify an'i Beta-Peora, tany amin'ny tanin'i Sihona, mpanjakan'ny Amorita, izay nonina tao Hesbona, ilay noresen'i Mosesy sy ny vahoakan'Israely rehefa nivoaka an'i Egypta izy ireo.
[47]Nalain'izy ireo ho fananany ny taniny, sy ny tanin'i Oga mpanjakan'i Basana—ireo no mpanjakan'ny Amorita anankiroa, izay tany an-dafin'i Jordana niantsinanana. [48]Nanomboka avy tany Aroera, teo amoron'ny lohasahan'i Arnona, ka hatrany amin'ny Tendrombohitra Siona (na Tendrombohitra Hermona) izany fari-tany izany, [49]ary tafiditra tao amin'izany ny lemaky ny lohasahan-driakan'i Jordana rehetra, miantsinanana mankany an-dafin'i Jordana, mankany amin'ny Ranomasin'i Araba, ka hatrany amin'ny hantsan'ny Tendrombohitra Pisga.

5 [1]Dia niantso ny Israely rehetra i Mosesy ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Ry Israely, henoy, ireo lalàna sy didy izay ho lazaiko ao an-tsofinareo anio, mba hahafahanareo hianatra sy hitandrina izany. [2]Yaveh Andriamanitsika nanao fifanekena tamintsika tao Horeba. [3]Tsy nanao izany fanekena izany tamin'ireo razambetsika Yaveh, fa tamintsika, dia isika rehetra velona eto anio.
[4]Niresaka mivantana taminareo teo amin'ny tendrombohitra avy tao afovoan'ny afo i Yaveh [5](Nitsangana teo anelanelanareo sy Yaveh aho tamin'izany fotoana izany, mba hanambara aminareo ny teniny; fa natahotra ianareo nohon'ny afo, ka tsy niakatra tao an-tendrombohitra ianareo). Dia hoy Yaveh hoe: [6]"Izaho no Yaveh Andriamanitrareo, izay nitondra anareo hiala tao amin'ny tany Egypta, hivoaka ny trano fanandevozana.
[7]Tsy hanana andriamanitra hafa eo anoloako ianareo. [8]Tsy hanao sarin-javatra voasokitra ho anareo ianareo na endri-javatra izay eny amin'ny lanitra ambony, na izay ety amin'ny tany ety ambany, na izay anaty rano ety ambany.
[9]Aza miankohoka amin'ireo ianao na manompo azy ireo, fa Izaho, Yaveh Andriamanitrao, dia Andriamanitra saro-piaro. Mamaly ny faharatsian'ireo razambe Aho amin'ny famaizako ireo zaza madinika, hatramin'ny taranaka fahatelo sy fahefatra an'izay mankahala Ahy, [10]ary haneho tsy fivadiam-panekena kosa amin'ireo olona an'arivony, amin'ireo izay tia Ahy sy mitandrina ireo didiko.
[11]Tsy ho hampiasanao amin'ny tsy antony ny anaran'i Yaveh Adriamanitrao, fa i Yaveh dia handray azy ho meloka amin'ny fampiasana fahatany ny anarany.
[12]Tandremo ny andro sabata mba hanamasinana azy, arak'izay nandidian'i Yaveh Andriamanitrao anao. [13]fa enina andro no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra; [14]fa ny andro fahafito kosa dia Sabata ho an'i Yaveh Andriamanitrao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Amin'izany dia tsy hiasa ianao—na ianao, na ny zanakao lahy, na ny zanakao vavy, na ny mpanompo lahinao, na ny mpanompo vavinao, na ny ombinao, na ny borikinao, na ny biby fiompinao, na ny vahiny izay anatin'ny vavahadinao. Natao izany mba hitsaharan'ny mpanomponao lahy sy ny mpanomponao vavy tahaka anao.
[15]Dia ho tsaroanao fa mpanompo tany amin'ny tany Egypta ianao, ary Yaveh Andriamanitrao no namoaka anao tany tamin'ny alalan'ny tanana mahery sy faninjirana ny sandry. Noho izany no nandidian'i Yaveh Andriamanitrao anao mba hitandrina ny andro Sabata.
[16]Manajà ny rainao sy reninao, araka izay nandidian'i Yaveh Andriamanitrao ho hataonao, dia ho ela velona any amin'ny tany izay nomen'i Yaveh Andriamanitrao ho anao ianao, ka dia hahasambatra anao anie izany.
[17]Aza mamono olona. [18]Aza mijangajanga. [19]Aza mangalatra. [20]Aza manao vavolombelona diso amin'ny mpiara-belona aminao.
[21]Aza mitsiriritra ny vadin'ny mpiara-belona aminareo, aza mitsiriritra ny tranon'ny mpiara-belona aminareo, ny sahany, na ny mpanompo lahiny, na ny mpanompo vaviny, ny ombiny, na ny borikiny, na izay rehetra an'ny mpiara-belona aminareo.'
[22]Ireo teny ireo no nambaran'i Yaveh tamin'ny feo avo tamin'ny fiangonanareo rehetra teny amin'ny tendrombohitra avy ao afovoan'ny afo, ny rahona, ary ny aizim-pito; dia tsy nanisy teny fanampiny intsony izy. Nosoratany tamin'ny vato fisaka roa izany ka natolony ahy.
[23]Dia nitranga izao, rehefa nandre ny feo avy ao afovoan'ny aizina ianareo, raha mbola nirehitra ny tendrombohitra, dia nanakaiky ahy ianareo—ireo loholonareo rehetra sy ireo mpitarika ny fokonareo. [24]Hoy ianareo hoe: 'Indro, Yaveh Andriamanitsika efa naneho tamintsika ny voninahiny sy ny fahalehibiazany, ary efa rentsika ny feony avy eo afovoan'ny afo; hitantsika androany fa rehefa miteny amin'ny olona i Yaveh, dia afaka ny ho velona izy ireo.
[25]Fa nahoana isika no tokony ho faty? Satria handevona antsika izany afo lehibe izany; fa raha tsy mihaino ny feon'i Yaveh Andriamanitsika intsony isika, dia ho faty. [26]Fa iza ankoatra antsika no eo amin'ny nofo rehetra izay efa nandre ny feon'ilay Andriamanitra velona niteny avy teo afovoan'ny afo ka velona, tahaka izay efa nataontsika? [27]Raha ny aminareo, dia tokony handeha sy hihaino izay rehetra ambaran'i Yaveh Andriamanintsika ianareo, hamerina aminay izay rehetra lazain'i Yaveh Andriamanintsika aminareo; hihaino sy hankatoa izany izahay.'
[28]Ren'i Yaveh ny teninareo raha niresaka tamiko ianareo. Hoy Izy tamiko hoe: 'Efa reko ny tenin'ireo vahoaka ireo, dia izay nolazainy taminao. Tsara izay nambaran'izy ireo. [29]Endrey, raha mba misy fo tokoa izy ireo, dia hanaja Ahy sy hitandrina mandrakariva ny didiko rehetra, dia hahasoa azy ireo sy ireo taranany mandrakizay izany! [30]Ndeha lazao amin'izy ireo hoe: "Miverena any an-dainareo."
[31]Fa raha ny aminao, mitsangàna eto anatrehako, dia hambarako aminao ny didy rehetra, ny lalàna, sy ireo fitsipika izay ho ampianarinao azy ireo, mba hitandreman'izy ireo izany any amin'ny tany izay homeko azy ireo ho fananana.'
[32]Ho tandremanao, noho izany, izay nandidian'i Yaveh Andriamanitrao anao; mba tsy hivily ho amin'ny ankavanana na ho amin'ny ankavia ianao. [33]Handeha amin'ny lalana rehetra izay nandidian'i Yaveh Andriamanitrao anao ianao, mba ho velona ianao, ka hahasoa anao izany, ary mba hahalava ny andro iainanao any amin'ny tany izay ho fananananao.

6 [1]Ankehitriny dia ireto avy ireo baiko, ireo didy, ary ireo lalàna izay nandidin'i Yaveh Andriamanitrao ahy mba hampianarina anao, ka mba hahafahanao mitandrina ireo any amin'ny tany izay halehanao tandrifin'i Jordana izay ho fananananao; [2]mba hahafahanao manome voninahitra an'i Yaveh Andriamanitrao, amin'ny fitandremana ireo lalàna sy ny didy rehetra izay handidiako anao—ianao, ireo zanakao, ary ireo zanaky ny zanakao, amin'ny andro rehetra hiainanao, mba hitombo ny andro hiainanao.
[3]Noho izany henoy ireo, ry Israely, ary tandremo ireo, mba hahasoa anao izany, mba hitomboanao fatratra, any amin'ny tany tondra-dronono sy tantely, araka izay efa nampanantenain'i Yaveh, ilay Andriamanitrin'ny razambenao taminao ho atao.
[4]Henoy, ry Israely: Yaveh Andriamanintsika dia iray. [5]Hitia an'i Yaveh Andriamanitrao amin'ny fonao manontolo ianao, amin'ny fanahinao manontolo, ary amin'ny herinao manontolo.
[6]Ireo teny izay handidiko anao anio dia ho ao amin'ny fonao; [7]ary hampianatra tsara an'ireo amin'ny zanakao ianao; hiresaka momba ireo ianao rehefa mipetraka ao an-tranonao, rehefa mandeha eny an-dalana, rehefa mandry, ary rehefa mifoha.
[8]Hamatotra ireo ianao mba ho famantarana eo amin'ny tananao, ary atao toy ny fehin-kandrina eo anelanelan'ny masonao ireo. [9]Hanoratra izany eo amin'ny tolàm-baravaran'ny tranonao sy ny vavahadinao ianao.
[10]Rehefa mitondra anao any amin'ny tany izay nampanantenain'i Yaveh Andriamanitrao tamin'ireo razambenao, Abrahama, Isaka, sy Jakoba, fa homeny anao ianao, miaraka amin'ny tanàna lehibe sy tena tsara izay tsy nahorinao, [11]sy trano maro feno karazana zavatra tsara izay tsy nataonao, famorian-drano izay tsy nohadianao, ary tanim-boaloboka sy hazon'oliva izay tsy nambolenao, hihinana ianao ka ho afa-po— [12]ary mitandrema ianao mba tsy hanadino an'i Yaveh, izay nitondra anao hiala tao amin'ny tany Egypta, hivoaka ny trano fanandevozana.
[13]Hanome voninahitra an'i Yaveh Andriamanitrao ianao; izy no ho tompoinao, ary hianiana amin'ny anarany ianao. [14]Tsy hanompo andriamanitra hafa ianao, ireo andriamanitry ny olona izay manodidina anao rehetra— [15]satria Yaveh

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Andriamanitrao izay eo afovoanao dia Andriamanitra saro-piaro—fa raha manao izany ianao, dia hirehitra aminao ny fahatezeran'i Yaveh Andriamanitrao, ary handringana anao amin'ny tany rehetra Izy.
[16]Tsy hitsapa an'i Yaveh Andriamanitrao tahaka ny nitsapanao azy tany Masaha ianao. [17]Ianao dia hitandrina tsara ireo baikon'i Yaveh Andriamanitrao, ireo didiny, sy ireo lalàny, izay nandidiny anao.
[18]Hanao izay marina sy tsara eo imason'i Yaveh ianao, mba hahasoa anao izany, ary mba hahafahanao miditra sy manana ny tany tsara izay efa nianianan'i Yaveh tamin'ireo razanao, [19]mba hanalana ireo fahavalonao rehetra tsy ho eo anoloanao, araka ny efa nolazain'i Yaveh.
[20]Rehefa manontany anao ny zanakao lahy amin'ny fotoana ho avy, manoa hoe: 'Inona avy ireo lalàn'ny fanekena, ireo fitsipika, ary ireo lalàna hafa izay nandidian'i Yaveh Andriamanitsika anao?' [21]dia hilaza ny zanakao lahy ianao hoe: 'Andevon'i Farao tany Egypta isika; nitondra antsika niala ny tany Egypta tamin'ny tanana mahery Izy, [22]ary nampiseho famantarana sy fahagagana, lehibe sy mahery vaika, tamin'i Egypta, tamin'i Farao, ary tamin'ny tranony rehetra, teo imasontsika Izy; [23]ary nitondra antsika niala tany, mba hitondrany antsika hiditra ao, mba hanomezana antsika ny tany izay efa nampanantenainy an'ireo razantsika.
[24]Yaveh dia nandidy antsika mandrakariva mba hitandrina ireo lalàna rehetra, mba hatahotra an'i Yaveh Andriamanitsika hahasoa antsika, mba hahavelona antsika hatrany, tahaka antsika amin'izao. [25]Raha mitandrina ireo didy rehetra ireo eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitsika isika, araka izay nandidiny antsika, dia ho fahamarinantsika izany.'

7 [1]Rehefa nentin'i Yaveh Andriamanitrao tany amin'ny tany izay ho fanananao ianao, dia handroaka firenena maro hiala eo anoloanao Izy—ireo Hetita, ireo Girgasita, ireo Amorita, ireo Kananita, ireo Perizita, ireo Hivita, ary ireo Jebosita—firenena lehibe fito sy mahery kokoa noho ianao.
[2]Izany dia Yaveh Andriamanitrao izay manolotra azy ireo ho anao rehefa mandresy azy ireo ianao, ary tsy maintsy mamotika tanteraka azy ireo ianao. Tsy hanao fifanekena amin'izy ireo ianao, ary tsy haneho famindram-po amin'izy ireo. [3]Na koa hikarakara fanambadiana amin'izy ireo ianao. Tsy hanome ny zanakao vavy ho an'ny zanak'izy ireo lahy ianao, ary tsy haka ny zanak'izy ireo vavy ho an'ny zanakao lahy ianao.
[4]Satria izy ireo dia hampivily lalana ny zanakao ny amin'ny fanarahana Ahy, mba hahafahan'izy ireo manompo andriamanitra hafa. Noho izany dia hirehitra aminareo ny hatezeran'i Yaveh, ary handringana anareo faingana Izy. [5]Izao no tokony hifanarahanao amin'izy ireo: hamotika ny alitaran'izy ireo ianareo, hamotika ny tsangam-baton'izy ireo ianareo, hanapaka ny baon'Aserahan'izy ireo, ary handoro ireo sampy voasokitr'izy ireo.
[6]Satria ianao dia firenena izay voatokana ho an'i Yaveh Andriamanitrao. Dia nifidy anao mba ho vahoakany, mihoatra noho ireo vahoaka hafa rehetra eran'izao tontolo izao Izy.
[7]Tsy nametraka ny fitiavany teo aminareo na nisafidy anareo nohon'ny hamaroan'isanareo noho ny vahoaka hafa i Yaveh —satria ianareo no vitsy indrindra tamin'ireo vahoaka rehetra— [8]fa satria tiany anareo, ary naniry ny hitàna ny fianianana izay nampanantenainy tamin'ireo razanareo Izy. Izany no nahatonga an'i Yaveh nitondra anareo nivoaka tamin'ny tanana mahery ary nanafaka anareo tao amin'ny trano fanandevozana, teo an-tanan'i Farao, mpanjakan'i Egypta.
[9]Noho izany dia fantaro fa Yaveh Andriamanitrao—Izy no Andriamanitra, ilay Andriamanitra mahatoky, izay mitàna ireo fanekena sy fahatokiana ho an'ny taranaka an'arivony miaraka amin'ireo izay tia azy sy mitandrina ireo didiny, [10]fa sazio eny amin'ny tavany ireo izay mankahala Azy, mba hanimbana azy ireo; tsy handefitra amin'ireo izay mankahala Azy Izy; hamaly azy eo anatrehany izy. [11]Noho izany ianao dia hitandrina ireo baiko, ireo lalàna, ary ireo didy izay nodidiko ho ataonao anio, ka hampiatra ireo ianao
[12]Raha mihaino ireo lalàna ianao, ary mitandrina sy manao izany, dia hitandro ny fanekena sy ny fahatokiana izay nampanantenainy tamin'ny razanao Yaveh Andriamanitrao. [13]Hitia anareo Izy, hitahy anareo, ary hampitombo isa anareo; hitahy ny vokatry ny vatanareo sy ny vokatry ny taninareo, ny varinareo, ny divay vaovaonareo, sy ny menakareo, ny fitombon'ireo biby fiompinareo sy ireo zanak'ondry aman'osinareo, ao amin'ny tany izay nampanantenainy tamin'ireo razanareo fa homeny anareo.
[14]Ho voatahy kokoa noho ireo olona hafa rehetra ianao; tsy hisy lehilahy momba na vehivavy momba eo aminareo na eo amin'ny biby fiompinareo. [15]Hanala ny aretina rehetra aminao i Yaveh; tsy hataony mahazo anao ireo aretin-dratsin'i Egypta fantatrao, fa ho ataony amin'ireo rehetra izay mankahala anao izany.
[16]Handringana ny vondron'olona rehetra izay hanomezan'i Yaveh Andriamanitrao fandresena anao ianao, ary tsy hiantra azy ireo ny masonao. Tsy hanompo ny andriamanitr'izy ireo ianao, satria ho fandrika ho anao izany.
[17]Raha milaza ao am-ponao ianao hoe: "Maro an'isa noho izaho ireo firenena ireo; ahoana no handreseko ireo?"— [18]aza matahotra azy ireo; hahatsiaro izay nataon'i Yaveh Andriamanitrao tamin'i Farao sy Egypta rehetra ianao; [19]ireo fijaliana be izay hitan'ny masonao, ireo famantarana, ireo fahagagana, ny tanana mahery, sy sandry mitsotra izay nitondran'i Yaveh anao nivoaka. Yaveh Andriamanitrao dia hanao toy izany koa amin'ireo vahoaka rehetra izay hatahoranao.
[20]Fanampin'izany, Yaveh Andriamanitrao dia handefa ny fanenitra eo amin'izy ireo, mandra-paharingan'ireo sisa tavela sy izay manafina ny tenany aminao amin'ny fanatrehanao. [21]Tsy hatahotra azy ireo ianao, satria Yaveh Andriamanitrao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

dia eo aminao, Andriamanitra lehibe sy hatahorana. [22]Yaveh Andriamanitrao dia handroaka tsikelikely ireo firenena eo anoloanao. Tsy haharesy azy rehetra indray miaraka ianao, fandrao hiamaro ireo bibi-dia hanodidina anao.
[23]Fa Yaveh Andriamanitrao dia hanome fandresena ho anao amin'izy ireo rehefa hiady amin'izy ireo ianao; hampivarahontsana azy ireo Izy mandra-paharingan'izy ireo. [24]Ho ataony eo ambany fahefanao ireo mpanjakan'izy ireo, ka hahafoana ny anaran'izy ireo amin'ny ambany lanitra ianao. Tsy hisy afaka hitsangana manoloana anao, mandra-paharinganao azy ireo.
[25]Handoro ireo sary sokitr'ireo andriamanitr'izy ireo ianareo—aza mitsiriritra ny volafotsy na ny volamena izay mandrakotra azy ireo ka maka izany ho an'ny tenanareo, satria raha manao izany ianareo, dia ho voafandrik'izany—satria fanevatevana an'i Yaveh Andriamanitrareo izany. [26]Tsy hitondra fahavetavetana ao an-tranonao ianao ka hanomboka hanompo izany. Hankahala izany tokoa ianao, satria efa voatokana ho an'ny faharavàna izany.

8 [1]Aoka ho tananareo ireo didy rehetra izay omeko anareo androany, mba ho velona sy hihamaro ianareo, ary handeha ka hahazo ny tany izay nianianan'i Yaveh tamin'ireo razambenareo. [2]Aoka ho tsaroanao ny lalana rehetra izay nitarihan'i Yaveh Andriamanitrao anao tamin'ny efapolo taona tany an'efitra, mba hampietreny anao, mba hitsapany anao hahafantarana izay ao am-ponao, raha hitàna ireo didiny ianao na tsia.
[3]Nampietry anao Izy, sy nampanoana anao, ary namoky mana anao, izay tsy fantatrao ary tsy fantatr'ireo razanao. Nataony izany mba hahafantaranao fa tsy ny mofo ihany no hiveloman'ny olona; fa kosa, ny zavatra rehetra izay aloakan'ny vavan'i Yaveh dia iveloman'ny olona.
[4]Tsy rovitra ary tsy niala taminao ny akanjonao, ary tsy nivonto ny tongotrao nandritr'ireny efapolo taona ireny. [5]Aoka ianao hihevitra ao am-ponao, ny fomba hifehezan'ny ny olona ny zanany, dia tahaka izany no hifehezan'i Yaveh Andriamanitrao anao. [6]Hotànanao ireo didin'i Yaveh Andriamanitrao, mba handehananao amin'ny lalany sy hanajanao Azy.
[7]Fa Yaveh Andriamanitrao dia mitondra anao amin'ny tany soa, tanin-dohasahan-driaka, loharano, mikoriana avy amin'ireo lohasaha ary eny anivon'ny havoana; [8]tanim-barim-bazaha sy vary hordea, voaloboka, hazon'aviavy, ary ampongaben-danitra; tanin'oliva sy tantely.
[9]Tany izay hihinananao hanina tsy lany laniana, ary izay handehananao tsy hisy zava-mahory; tany izay misy vy ny vatony, ary avy ao amin'ny havoany no hiadianao varahina. [10]Hihinana ianao ary ho voky, ary hisaotra an'i Yaveh Andriamanitrao ianao nohon'ny tany soa izay efa nomeny anao.
[11]Tandremo mba tsy hanadino an'i Yaveh Andriamanitrao ianao, ary tsy hanao tsinontsinona ireo didiny, ireo fitsipiny, ary ireo lalàny izay handidiko anao androany, [12]raha tsy izany, rehefa mihinana ianao ary voky, ary rehefa manorina trano tsara tarehy ary mipetraka ao amin'izany, dia hirehareha ny fonao.
[13]Tandremo rehefa mihamaro ny ombinao sy ny ondry aman'osinao ary mitombo ny volafotsy sy ny varahinao, ary mitombo izay rehetra hanananao, [14]dia hirehareha ny fonao ary adinonao i Yaveh Andriamanitrao, izay nitondra anao nivoaka avy tao amin'ny tany Egypta, avy tao amin'ny trano fanandevozana.
[15]Aza manadino Azy izay nitarika anao tany amin'ny tany efitra lehibe sy mampatahotra, miaraka amin'ny menarana misy poizina sy maingoka ary tany ngazana izay tsy nisy rano, izay namoaka rano ho anao avy tao amin'ny vatolampy afovato. [16]Namoky mana anao tany an'efitra Izy izay tsy mba fantatr'ireo razambenao, mba hahafahany mampietry anao sy mitsapa anao, mba hanasoa anao amin'ny farany, [17]fa ianao mety hiteny ao am-ponao hoe: 'Ny heriko sy ny herin'ny tanako no nahazoako ireto harena rehetra ireto.'
[18]Fa aoka hahatsiaro an'i Yaveh Andriamanitrao ianao, satria Izy no manome anao ny hery hahazoana harena; mba hanorenany ny fanekeny izay nianianany tamin'ireo razanao, tahaka izao anio izao. [19]Ary raha hanadino an'i Yaveh Andriamanitrao ianao ary hanaraka andriamanin-kafa, hanompo azy ireo, ary hiankohoka amin'izy ireo, dia mijoro vavolombelona aminareo aho anio fa ho faty tokoa ianareo. [20]Tahaka ireo firenena izay nataon'i Yaveh ringana teo anatrehanareo, dia ho toy izany no haharingana anareo, satria tsy mihaino ny feon'i Yaveh Adriamanitrareo ianareo.

9 [1]Mihainoa, ry Israely; efa hiampita an'i Jordana ianao anio, mba handeha haka ireo firenena lehibe sy mahery nohon'ny tenanao, sy ho amin'ireo tanàna izay lehibe misy manda manakatra ny lanitra, [2]dia vahoaka vaventy sady lava, ireo zanaka lahin'ny Enakita, izay fantatrao, ary izay efa nandrenesanao ny olona nilaza hoe: 'Iza no afaka hitsangana manoloana ireo zanaka lahin'i Anàka?'
[3]Fantaro ary ankehitriny fa Yaveh Andriamanitrao no mialoha lalana anao tahaka ny afo mandevona; handringana azy ireo Izy, ary handresy azy ireo eo anoloanao; ka handroaka azy ianao ary ho vonoinao faingana izy ireo, araka izay efa nolaizain' Yaveh taminao.
[4]Aza milaza ny ao am-ponao, rehefa voaroakan'i Yaveh Andriamanitrao tsy ho eo anoloanao izy ireo hoe: 'Nohon'ny fahamarinako no nitondran'i Yaveh ahy ho tompon'ny ity tany ity,' satria nohon'ny haratsiam-panahin'ireo firenena ireo no nahatonga an'i Yaveh handroaka azy tsy ho eo anoloanao.
[5]Tsy nohon'ny fahamarinanao na ny fahitsim-ponao no hahatonga anao ho tompon'ny tanin'izy ireo, fa nohon'ny haratsiam-panahin'ireo firenena ireo no mahatonga ny Andriamanitrao handroaka azy ireo tsy ho eo anoloanao, ary

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mba hahafahany manatanteraka ny fahamarinan'ny teny izay nianianany tamin'ireo razambenao, dia tamin'i Abrahama, Isaka ary Jakoba.
6 Koa aoka ho fantatrao, fa tsy nohon'ny fahamarinanao no hanomezan'i Yaveh Andriamanitrao io tany tsara io ho lasanao, fa olona mafy loha ianao.
7 Tsarovy ary aza adinoina ny nihantsianao ny fahatezeran'i Yaveh Andriamanitrao tany an'efitra; hatramin'ny andro nandaozanao ny tany Egypta ka hatramin'ny nahatongavanareo teto amin'ity toerana ity, dia nikomy nanohitra an'i Yaveh hatrany ianareo. 8 Tany Horeba ihany koa dia nihantsy ny fahatezeran'i Yaveh ianareo, ary tena tezitra taminareo Yaveh ka saika handringana anareo.
9 Rehefa niakatra ho any an-tendrombohitra aho mba handray ireo vato fisaka, dia ireo vato fisaky ny fanekena izay nataon'i Yaveh niaraka taminao, nitoetra tany an-tendrombohitra nandritra ny efapolo andro sy efapolo alina aho; tsy nihinana mofo na nisotro rano aho. 10 Nomen'i Yaveh ahy ireo vato fisaka roa nosoratan'ny tanany; voasoratra teo amin'ireo ny zavatra rehetra araka ny teny rehetra izay nambaran'i Yaveh anareo tany an-tendrombohitra teo afovoan'ny afo tamin'ny andron'ny fivoriana.
11 Ary rehefa tapitra ny efapolo andro sy efapolo alina dia nomen'i Yaveh ahy ireo vato fisaka roa, dia ireo vato fisaky ny fanekena. 12 Hoy Yaveh tamiko hoe: 'Mitsangana, midina faingana avy eto, fa ireo vahoakanao, izay nentinao avy tany Egypta, dia efa nanimba ny tenan'izy ireo. Nalaky nivily tamin'ny lalana nandidiko azy izy ireo. Izy ireo dia nanamboatra sarin-javatra an'idina ho azy ireo.'
13 Ankoatra izany, niresaka tamiko Yaveh ary nilaza hoe: 'Efa hitako ireto vahoaka ireto; vahoaka mafy loha izy ireo.
14 Avelao irery aho, mba hahafahako mandringana azy ireo sy mamafa ny anarany tsy ho eo ambanin'ny lanitra, ary hataoko ho firenena mahery sy lehibe noho izy ireo ianao.'
15 Noho izany dia nihodina aho ary nidina avy eny an-tendrombohitra, ary dia nirehitra ny tendrombohitra. Tety an-tanako ireo vato fisaka roan'ny fanekena. 16 Nijery aho, ary indro, nanota tamin'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo. Namolavola zanak'omby ho anareo ianareo. Nalaky nivily tamin'ny lalana izay nandidian'i Yaveh anareo ianareo.
17 Nalaiko ireo vato fisaka roa ary nariako tsy ho eo an-tanako ireo. Novakiko teo imasonareo izany. 18 Niankohoka efapolo andro sy efapolo alina teo anatrehan'i Yaveh indray aho; tsy nihinana mofo aho na nisotro rano, nohon'ny amin'ireo fahotanareo rehetra izay nataonareo, tamin'ny nanaovanareo izay ratsy teo imason'i Yaveh, mba hanetsehana ny fahatezerany.
19 Fa natahotra ny fahatezerana sy ny firehetan'ny tsy fankasitrahana izay tena nahatezitra an'i Yaveh taminareo ka saika handringana anareo aho. Fa nihaino ahy ihany koa Yaveh tamin'izany fotoana izany. 20 Tezitra mafy tamin'i Arona Yaveh ka saika handringana azy; tamin'io dia nivavaka ho an'i Arona ihany koa aho.
21 Nalaiko ny fahotanareo, ny zanak'omby izay namboarinareo, ka nodorako izany, nokapohiko, ary notorotoroiko ho tena bitika, mandra-pahatonga azy ho madinika tahaka ny vovoka. Nariako tany amin'ny renirano izay mikoriana avy any an-tendrombohitra ny vovony.
22 Tany Tabera, tany Masa, ary tany Kibrota-hatava no niantsinareo ny fahaviniran'i Yaveh. 23 Rehefa nandefa anareo hiala tao Kadesi-Barnea Yaveh ary niteny hoe: 'Mandehana miakatra ary alaivo ho fananana ilay tany izay nomeko anareo,' dia nikomy nanohitra ny didin'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo, ary tsy nino na nihaino ny feony. 24 Nikomy nanohitra an'i Yaveh ianareo hatramin'ny andro nahafantarako anareo.
25 Ary niankohoka efapolo andro sy efapolo alina teo anatrehan'i Yaveh aho, satria Izy niteny fa handringana anareo.
26 Nivavaka tamin'i Yaveh aho ary niteny hoe: "Ry Yaveh Tompo, aza haringana ireo vahoakanao na ireo mpandovanao izay navotanao tamin'ny fahalehibiazanao, izay nentinao nivoaka avy tany Egypta tamin'ny tanana mahery.
27 Tsarovy Abrahama, Isaka, ary Jakoba mpanomponao; aza mijery ny hamafisan-dohan'ity vahoaka ity, na ny haratsiam-panahiny, na ireo fahotany, 28 fandrao ny tany izay nitondranao anay hiteny hoe: "Satria Yaveh tsy afaka nitondra azy ireo tany amin'ilay tany izay nampanantenainy azy ireo, ary satria nankahala azy ireo Izy, no nitondrany azy ireo nivoaka mba hamonoana azy ireo any an'efitra." 29 Kanefa vahoakanao sy lovanao ireo, izay nentinao nivoaka tamin'ny herinao lehibe sy tamin'ny fiasan'ny herinao.'

10 1 Hoy Yaveh tamiko tamin'izany fotoana izany hoe: 'Manamboara vato fisaka roa tahaka ilay voalohany, dia miakara aty amiko aty an-tendrombohitra, ary manaova fiara vita amin'ny hazo. 2 Hosoratako ao anatin'ireo vato fisaka ireo ny teny izay tao anatin'ireo vato fisaka voalohany izay nopotehinao, ka hapetrakao ao anatin'ilay fiara ireo.'
3 Koa nanamboatra fiara tamin'ny hazo akasia aho, ary nanamboatra vato fisaka roa tahaka ilay voalohany aho, dia niakatra teny an-tendrombohitra aho, niaraka tamin'ireo vato fisaka roa teny an-tanako. 4 Nosoratany tamin'ireo vato fisaka, tahaka ilay asa soratra voalohany, ny didy folo izay nolazain'i Yaveh taminareo tany an-tendrombohitra teo afovoan'ny afo tamin'ny andron'ny fivoriana; dia nomen'i Yaveh ahy ireo.
5 Dia nihodina aho ary nidina ny tendrombohitra, ka nametraka ireo vato fisaka tao anatin'ilay fiara izay namboariko; dia tao izy ireo, araka ny nandidian'i Yaveh ahy."
6 (Niainga niala tao Berota Bene-Jakana ho any Mosera ny vahoakan'Israely. Tao no maty i Arona, ary tao izy no nalevina; Eleazara, zanany lahy, no lasa mpisorona nandimby ny toerany. 7 Nizotra nankany Godgoda izy ireo rehefa niala tao, ary avy tao Godgoda nankany Jotbata, tany iray be ony.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Tamin'izany fotoana izany Yaveh nisafidy ny fokon'i Levy mba hitondra ny fiaran'ny faneken'i Yaveh, hijoro eo anoloan' i Yaveh mba hanompo Azy, sy hitso-drano ny olona amin'ny anarany, tahaka ny ankehitriny. [9]Noho izany no tsy hananan'i Levy anjara na lova amin'ny tany miaraka amin'ireo rahalahiny; fa Yaveh no lovany, araka izay nolazain'i Yaveh Andriamanitrao taminy.)
[10]Nitoetra tao an-tendrombohitra tahaka ny tamin'ny voalohany aho, efapolo andro sy efapolo alina. Nihaino ahy ihany koa Yaveh tamin'izany fotoana izany; tsy naniry ny handringana anao Yaveh. [11]Hoy Yaveh tamiko hoe: 'Miarèna, mandehana eo alohan'ny vahoaka hitarika azy ireo amin'ny diany. Dia hiditra izy ireo ary haka ny tany izay efa nianianako tamin'ireo razambeny fa homena azy ireo.'
[12]Koa ankehitriny, ry Israely, inona moa no angatahin'i Yaveh Andriamanitrao aminao, afa-tsy ny fatahorana an'i Yaveh Andriamanitrao, ny handehanana amin'ny lalany rehetra, ny hitiavana azy, ary ny hanompoana an'i Yaveh Andriamanitrao amin'ny fonao manontolo sy amin'ny fanahinao manontolo, [13]ny fitandremana ireo didin'i Yaveh, sy ireo lalàny, izay handidiako anao anio mba ho soa ho anao manokana?
[14]Indro, Yaveh Andriamanitrao no tompon'ny lanitra sy ny lanitry ny lanitra, ny tany, sy izay rehetra ao amin' ireo. [15]Yaveh irery ihany no nankasitraka ireo razanao nohon'ny fitiavany azy ireo, ary nifidy anareo Izy, ianao taranany, taorian'izy ireo, mihoatra noho ireo olona hafa, tahaka ny ataony mandrak'ankehitriny.
[16]Koa forao ny fonareo, ary meteza tsy ho mafy hatoka intsony. [17]Fa Yaveh Andriamanitrao, no Andriamanitr'ireo andriamanitra ary Tompon'ireo tompo, ilay Andriamanitra lehibe, ilay mahery sy mampahatahotra, izay tsy mizaha tavan'olona ary tsy mandray kolikoly.
[18]Manome rariny ny kamboty sy ny mananotena Izy, ary maneho fitiavana ny vahiny amin'ny alalan'ny fanomezana sakafo sy akanjo ho azy Izy. [19]Tiavo ny vahiny noho izany; satria ianareo dia efa vahiny tany amin'ny tany Egypta.
[20]Yaveh Andriamanitrao no hatahoranao; Izy no ho tompoinao. Aminy ianao no tsy maintsy hifikitra; ary amin'ny anarany no hianiananao. [21]Izy no fideranao, ary Izy no Andriamanitrao, izay efa nanao ireo zava-dehibe sy ireo zavatra mampahatahotra ho anao, izay efa hitan'ny masonao.
[22]Fitopolo olona ireo razanao no nidina tany Egypta; fa ankehitriny efa nataon'i Yaveh Andriamanitrao ho maro isa tahaka ny kintana eny amin'ny lanitra ianao.

11 [1]Noho izany dia aoka hitia an'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo ary hitandrina mandrakariva ireo fampianarany, ny lalàny, ny fitsipiny, ary ireo didiny.
[2]Mariho fa tsy miteny amin'ireo zanakareo Aho, izay tsy nahafantatra akory na nahita ny fanasazian'i Yaveh Andriamanitrareo, ny fahalehibeazany, ny tanany mahery, na ny tanany mitsotra, [3]ireo famantarana sy asa izay nataony tany afovoan'i Egypta tamin'i Farao, mpanjakan'i Egypta, ary tamin'ireo taniny rehetra.
[4]Na nahita ny nataony tamin'ny tafik'i Egypta, tamin'ireo soavaliny, na tamin'ny kalesin'izy ireo, ny fomba nanaovany ny Ranomasina Mena handifotra azy ireo raha nanenjika anareo izy ireo, ary ny fomba nandringanan'i Yaveh azy ireo mandrak'androany, [5]na izay nataony ho anareo tany an'efitra mandra-pahatonganareo tamin'ity toerana ity.
[6]Tsy hitan'izy ireo izay nataon'i Yaveh tamin'i Datana sy Abirama, ireo zanak'i Eliaba zanaka lahin'i Robena, izay fomba nanokafan'ny tany ny vavany ary nitelina azy ireo, ny ankohonan'izy ireo, ny lain'izy ireo, ary izay zava-manan'aina rehetra nanaraka azy ireo, teo afovoan'Israely rehetra. [7]Fa ny masonareo no efa nahita ireo asa lehiben'i Yaveh rehetra izay nataony.
[8]Noho izany tandremo ireo didy rehetra izay handidiako anareo anio, mba hahatonga anareo hatanjaka, ka hiditra sy haka ny tany izay hitànareo mba ho fananana, [9]ary mba ho lava andro ianareo any amin'ny tany izay nianianan'i Yaveh tamin'ireo razanareo fa homena azy ireo sy ny taranak'izy ireo, izay tany tondra-dronono sy tantely.
[10]Fa ny tany, izay hidiranareo mba hahazoana izany, dia tsy tahaka ny tanin'i Egypta, izay niavianareo, izay namafazanareo ny voanareo sy nanondrahanareo rano izany tamin'ny tongotrareo, tahaka ny sahana hanitra maitso; [11]fa ny tany, izay halehanao mba ho fananana, dia tanin-kavoana sy lohasaha, ary misotro rano avy amin'ny ranon'oran-danitra, [12]ny tany izay karakarain'i Yaveh Andriamanitrareo; ny mason'i Yaveh Andriamanitrareo no mitsinjo izany mandrakariva, hatramin'ny fiandohan'ny taona ka hatramin'ny fiafaran'ny taona.
[13]Izany dia hitranga, raha hihaino tsara ireo didiko izay handidiako anareo anio ianareo, dia ny hitia an'i Yaveh Andriamanitrareo sy hanompo Azy amin'ny fonareo sy ny fanahinareo manontolo, [14]mba hanomezako ranon'orana amin'ny taninareo amin'ny vanim-potoany, dia ny voaloha-orana sy ny fara-orana, mba hahafahanareo manangona ny varinareo, ny divainareo vaovao, ary ny diloilonareo. [15]Hanisy ahitra amin'ny taninareo Aho ho an'ireo biby fiompinareo, ary hihinana ianareo ka ho voky.
[16]Tandremo ny tenanareo mba tsy ho voafitaka ny fonareo, ka hivily sy hanompo andriamani-kafa sy hiankohoka amin'izy ireo ianareo; [17]mba tsy hirehitra aminareo ny fahatezeran'i Yaveh; ary mba tsy hampikatona ny lanitra Izy mba tsy hisian'ny ranon'orana, ary ny tany tsy hamoa ny voany, ary mba tsy haharingana anareo faingana amin'ny tany soa izay omen'i Yaveh anareo.
[18]Noho izany raketo ao am-po sy fanahinareo ireo teniko ireo, fehezo ho famantarana eo amin'ny tananareo izany, ary avelao izany ho fehiloha eo anelanelan'ireo masonareo. [19]Hampianarinareo ireo zanakareo izany ary miresaha momba azy ireo rehefa mipetraka ao an-trano ianareo, rehefa mandeha eny an-dalana, rehefa mandry, na rehefa mifoha ianareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Ho soratanareo eo amin'ny tolam-baravaran'ny tranonareo sy eo amin'ny vavahadin'ny tanànanareo izany, [21]mba
hihamaro ny andronareo sy ny andron'ireo zanakareo any amin'ny tany izay nianianan'i Yaveh tamin'ireo razambenareo
omena azy ireo raha mbola ambonin'ny tany koa ny lanitra.
[22]Fa raha mitandrina tsara ny didy rehetra izay handidiako anareo ianareo, ka manao izany, hitia an'i Yaveh
Andriamanitrareo, handeha amin'ny lalany rehetra, ary hifikitra Aminy, [23]dia handroaka ireo firenena rehetra ireo hiala
eo anatrehanareo i Yaveh, ary ianareo dia handroaka firenena lehibe sy mahery noho ianareo.
[24]Izay toerana hitsahin'ny faladian-tongotrareo dia ho anareo; hatrany an'efitra ka hatrany Libanona, hatrany amin'ny
renirano, ny renirano Eofrata, ka hatrany amin'ny ranomasina andrefana dia ho faritaninareo. [25]Tsy hisy olona hahajoro
eo anoloanareo. Yaveh Andriamanitrareo no hametraka ny tahotra anareo sy ny horohoro anareo amin'ny tany rehetra
izay hitsahinareo, araka izay efa nolazainy taminareo.
[26]Indro, apetrako eo anoloanareo anio ny fitahiana sy ny ozona: [27]ny fitahiana, raha mankatò ny didin'i Yaveh
Andriamanitrareo izay handidiko anareo anio ianareo, [28]ary ny ozona, raha tsy mankatò ny didin'i Yaveh
Andriamanitrareo ianareo, fa hivily amin'ny lalana izay handidiko anareo anio, ka hanaraka andriamani-kafa izay tsy
mbola fantatrareo.
[29]Izany dia hitranga, rehefa hitondra anareo any amin'ny tany izay halehanareo mba ho fananana i Yaveh
Andriamanitrareo, dia hametraka ny fitahiana any an-tendrombohitra Gerizima ianareo, ary ny ozona any an-
tendrombohitra Ebala. [30]Tsy any andafin'i Jordana ve ireo, andrefan'ny lalana andrefana, any amin'ny tanin'ny Kananita
izay monina any Araba, tandrifin'i Gilgala, akaikin'ny hazo terebintan'i More?
[31]Satria hiampita an'i Jordana ianareo hiditra haka ny tany izay omen'i Yaveh Andriamanitrareo anareo, ary ho
fanananareo izany ka honina ao ianareo. [32]Ho tandremanareo ny didy aman-dalàna rehetra izay apetrako eo
anoloanareo anio.

12 [1]Ireto no didy aman-dalàna izay ho tandremanao ao amin'ny tany izay nomen'i Yaveh, Andriamanitry ny razanao, ho
fananana, amin'ny andro rehetra hiainanao ety an-tany. [2]Ho ravainao tokoa ny toerana rehetra izay
nanompoan'ireo firenena izay ho roahanao ireo andriamaniny, izay eny amin'ny tendrombohitra avo, eny amin'ny
havoana, ary eny ambany hazo mavana, izay halainao.
[3]Aoka hazeranao ny alitaran'izy ireo, ho torotoroinao ireo tsangam-batony, ary ho doranao ireo baon'Aserahany. [4]Aoka ho
tapatapahanao ny sary sokitr'ireo andriamaniny ary haringanao hiala amin'izany toerana izany ny anaran'izy ireo. Aoka
tsy hanompo an'i Yaveh Andriamanitrao tahaka izany ianao.
[5]Fa ao amin'ny toerana izay ho fidian'i Yaveh Andriamanitrao eo amin'ireo fokonao mba hametrahana ny Anarany, dia
izany no ho toerana honenany, ary any no halehanao. [6]Any no hitondranao ny fanatitra doranao, ny soronao, ny
ampahafolon-karenanao, ary ireo rakitra hatolotry ny tananao, ny raki-boadinao, ny fanati-tsitraponao, ary ny voalohan-
teraky ny omby sy ny ondry aman'osinao.
[7]Any no hihinanao eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao sy hiravoravoanao amin'ny zava-drehetra izay nametrahanao
ny tananao, dia ianao sy ny ankohonanao, any amin'izay nitahian'i Yaveh Andriamanitrao anao.
[8]Aoka tsy hanao ireo zavatra rehetra izay ataonay ankehitriny ianao; fa ankehitriny dia manao izay marina rehetra eo
imasony ihany ny olon-drehetra; [9]satria tsy mbola tonga teo amin'ny fitsaharana, eo amin'ny lova izay omen'i Yaveh
Andriamanitrao anao ianao.
[10]Fa rehefa mita an'i Jordana ianao ka monina ao amin'ny tany izay hapandovain'i Yaveh anao, ary rehefa manome anao
fitsaharana amin'ny fahavalonao rehetra manodidina Izy, mba hiainanao am-pilaminana, [11]dia ho amin'ny toerana izay
ho fidian'i Yaveh Andriamanitrao mba hahavelona ny Anarany, any ianao no hitondra izay rehetra handidiako anao: dia
ny fanatitra doranao, ny soronao, ny ampahafolon-karenanao, ary ny rakitra atolotry ny tananao, sy ireo raki-boady
rehetra izay safidianao hivoadiana amin'i Yaveh.
[12]Hiravoravo eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao ianao—ianao, ny zanaka lahinao, ny zanaka vavinao, ny mpanompo
lahinao, ny mpanompo vavinao ary ireo Levita izay ao amin'ny vavahadinao, satria tsy manana anjara na lova eo aminao
izy.
[13]Tandremo tsara ny tenanao mba tsy hanolotra ny fanatitra doranao eny amin'ny toerana rehetra izay hitanao; [14]fa eo
amin'ny toerana izay ho fidian'i Yaveh eo amin'ny iray amin'ny fokonao no hanoloranao ny fanatitra doranao, ary any no
halehanao mba hanao izay rehetra handidiko anao.
[15]Kanefa, afaka mamono na mihinana biby ao anatin'ny vavahadinao rehetra ianao, araka izay tianao, amin'ny
fandraisana ny fitahian'i Yaveh Andriamanitrao noho izay rehetra nomeny anao; samy afaka mihinana amin'izany ny
olona maloto sy ny olona madio, dia ny biby tahaka ny gazela sy ny diera. [16]Fa aoka tsy hihinana ny ràny ianao; ho
ararakao amin'ny tany tahaka ny rano izany.
[17]Tsy mahazo mihinana amin'ny ampahafolon'ny voanao, ny divay vaovaonao, ny diloilonao, na ny voalohan-teraky ny
omby na ny ondry aman'osinao ao anatin'ny vavahadinao ianao; ary tsy mahazo mihinana amin'ny hena nataonao
sorona miaraka amin'izay mety ho voady ataonao, na ireo fanati-tsitraponao, na ny fanatitra izay atolotry ny tananao
ianao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[18]Fa kosa, hohaninao eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao ao amin'ny toerana izay fidin'i Yaveh Andriamanitrao izany—
ianao, ny zanakao lahy, ny zanakao vavy, ny mpanompo lahinao, ny mpanompo vavinao, ary ny Levita izay ao amin'ny
vavahadinao; hiravoravo eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao ny amin'ny zavatra rehetra izay nametrahanao ny
tananao ianao. [19]Tandremo tsara ny tenanao mba tsy hahafoy ny Levita raha mbola miaina eo amin'ny taninao koa ianao.
[20]Rehefa manitatra ny sisin-taninao Yaveh Andriamanitrao, araka izay nampanantenainy anao, ka niteny ianao hoe:
'Hihinana nofo aho,' nohon'ny fanirianao hihinan-kena, dia afaka mihinan-kena ianao, araka izay irian'ny fanahinao.
[21]Raha lavitra anao loatra ny toerana izay nofidian'i Yaveh Andriamanitrao hametrahana ny anarany, dia aoka ianao
hamono ny sasany amin'ny omby sy ny ondry aman'osinao izay nomen'i Yaveh anao, araka izay nandidiako anao; afaka
mihinana ao amin'ny vavahadianao ianao, araka izay irian'ny fanahinao. [22]Tahaka ny hihinanana ny gazela sy ny diera,
dia toy izany no hihinananao amin'izany; afaka mihinan-kena amin'izany tahaka izany ny olona maloto sy madio.
[23]Tandremo fotsiny mba tsy hihinana ny rà ianao, fa aina ny rà; ary aoka tsy hihinana ny aina miaraka amin'ny hena
ianao. [24]Tsy hihinana an'izany ianao; ararakao eo amin'ny tany tahaka ny rano izany. [25]Tsy hihinana izany ianao, mba ho
lavorary ny aminao, sy ny taranaka mandimby anao, rehefa manao izay marina eo imason'i Yaveh ianao.
[26]Fa ireo zavatra izay an'i Yaveh izay hanananao sy ireo raki-boadinao—aoka ianao haka izany ka handeha any amin'ny
toerana izay safidian'i Yaveh. [27]Any no hanoloranao ny fanatitra doranao, dia ny hena sy ny rà, eo amin'ny alitaran'i Yaveh
Andriamanitrao; hararaka eo amin'ny alitaran'i Yaveh Andriamanitrao ny ràn'ny soronao, ary hohaninao ny nofon'izany.
[28]Tandremo ary henoy ny teny rehetra izay handidiko anao, mba ho lavorary ny aminao sy ny taranaka mandimby anao
mandrakizay, rehefa manao izay tsara sy marina eo imason'i Yaveh Andriamanitrao ianao.
[29]Rehefa mandringana ireo firenena tsy ho eo anoloanao Yaveh Andriamanitrao, rehefa mandeha mba haka izany
amin'izy ireo ianao, ka azonao izany, ary monina ao amin'ny tanin'izy ireo ianao, [30]dia tandremo ny tenanao mba tsy ho
voafandrika hanaraka azy ireo, rehefa voaringana hiala eo anatrehanao izy ireo—ho voafandrika hizaha ny
andriamanitr'izy ireo, hanontany hoe: 'Ahoana no fanompoan'ireo firenena ireo ny andriamaniny? Mba hanao tahaka
izany koa aho.'
[31]Aoka ianao tsy hanompo an'i Yaveh Andriamanitrao toy izany, fa fahavetavetana eo amin'i Yaveh izany, dia zavatra
halany—nanao izany tamin'ireo andriamaniny izy ireo; ary nandoro ny zanak'izy ireo lahy sy vavy tamin'ny afo ho an'ny
andriamanitr'izy ireo mihitsy aza. [32]Na inona na inona handidiko anao, dia tandremo izany. Aza manampy na manaisotra
amin'izany.

13 [1]Raha misy mpaminany na mpanonofy miseho eo aminareo, ka manao famantarana na fahagagana, [2]ary raha
mitranga ilay famantarana na ilay fahagagana, izay resahany aminareo ka manao hoe: 'Andeha isika hanaraka
andriamanitra hafa, izay tsy mbola fantatrareo, ary andeha tompointsika izy ireo,' [3]dia aza mihaino ny tenin'izany
mpaminany izany, na izany mpanonofy izany; satria Yaveh Andriamanitrareo dia mitsapa anareo raha tia an'i Yaveh
Andriamanitrareo amin'ny fonareo manontolo sy amin'ny fanahinareo manontolo ianareo.
[4]Hanara-dia an'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo, hanome voninahitra Azy, hitandrina ireo didiny, sy hankato ny teniny,
ary hidera Azy sy hifikitra aminy. [5]Ho vonoina izany mpaminany na mpanonofy izany, satria izy dia nanohitra an'i Yaveh
Andriamanitrareo, izay nitondra anareo nivoaka avy tao amin'ny tany Egypta, sy nanafaka anareo tany amin'ny tany
fanandevozana. Mitady hitaona anareo ivelan'ny lalana izay nandidin'i Yaveh Andriamanitrareo mba handehananareo
izany mpaminany izany. Koa esory tsy ho eo aminareo ny ratsy.
[6]Raiso hoe ny rahalahinareo, ny zanaky ny reninareo, na ny zanakareo lahy, na ny zanakareo vavy, na ny vady
famihinareo, na ny namanareo izay tianareo tahaka ny tenanareo, no hitaona mangina anareo ary hiteny hoe: 'Aoka isika
andeha ary hanompo ireo andriamanitra hafa izay tsy mbola fantatrareo, na ianareo na ireo razambenareo— [7]dia ireo
andriamanitr'ireo olona izay manodidina anareo, akaikinareo, na lavitra anareo, avy amin'izao tontolo rehetra izao.'
[8]Aza manaiky na mihaino azy. Tsy tokony hanana famindram-po aminy ihany koa ny masonareo, na hiantra azy na
hanafina azy. [9]Fa kosa, tokony ho vonoinareo tokoa izy; ny tananareo no ho voalohany hamono azy, ary avy eo ny
tanan'ny vahoaka rehetra.
[10]Hitora-bato hahafaty azy ianareo, satria izy niezaka hitaona anareo hanalavitra an'i Yaveh Andriamanitrareo, izay
nitondra anareo hiala tao amin'ny tany Egypta, hiala tao amin'ilay tany fanandevozana. [11]Handre sy hatahotra ny Israely
rehetra, ka tsy hanohy hanao izany karazana faharatsiana izany eo aminareo intsony.
[12]Raha mandre olona miteny momba ny iray amin'ireo tanànanareo, izay nomen'i Yaveh Andriamanitrareo mba
hipetrahana ianareo: [13]fa nisy mpiara-belona ratsy fanahy sasany niala teo aminareo ary nitarika ireo mponina teo
amin'ny tanànan'izy ireo hoe: 'Andeha isika hanompo andriamanitra hafa izay tsy mbola fantatrareo.' [14]Dia handinika ny
porofo, hanao fikarohana, ary hanadihady lalina izany ianareo.' Rehefa hitanareo fa marina izany ary azo antoka fa
natao teo aminareo ny zavatra fahavetavetana tahaka izany, dia hihetsika ianareo.
[15]Azo antoka fa hanafika ireo mponina ao amin'izany tanàna izany amin'ny lelan-tsabatra ianareo, hamotika tanteraka
izany sy ny olona rehetra ao aminy, miaraka amin'ireo biby fiompy, amin'ny alalan'ny lelan-tsabatra. [16]Hanangona ireo
entana rehetra voababo amin'izany ho eo afovoan'ny lalana ianareo ary handoro ilay tanàna, sy ireo entana voababo
rehetra—ho an'i Yaveh Andriamanitrareo. Ho tanàna haolo mandrakizay ilay tanàna, ka tsy ho hatsangana intsony izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Tsy tokony hisy hiraikitra eo am-pelatananareo ireo zavatra izay natokana ho ravaina. Izany no tsy maintsy atao, mba hitsahatra amin'ny fahatezerany i Yaveh, hampiseho famindram-po aminareo, sy hiantra anareo, ary hampitombo isa anareo, araka ny nianianany tamin'ireo razambenareo. [18]Hanao izany Izy satria ianareo mihaino ny feon'i Yaveh Andriamanitrareo, mba hitandremana ireo didiny rehetra izay handidiko anareo anio, sy mba hanaovana izay marina eo imason'i Yaveh Andriamanitrareo.

14 [1]Ianareo no vahoakan'i Yaveh Andriamanitrareo. Aza mitetika ny tenanareo, na manaratra ny faritry ny tarehinareo ho an'ny maty. [2]Fa ianareo dia firenena izay voatokana ho an'i Yaveh Andriamanitrareo, ary Yaveh nifidy anareo ho vahoaka ho fananany manokana, mihoatra ireo vahoaka rehetra izay eo ambonin'ny tany.
[3]Aza mihinana zavatra vetaveta na inona na inona. [4]Ireto no biby azonareo hohanina: ny omby, ny ondry, ary ny osy, [5]ny serfa, ny gazela, ny kapreola, ny osi-dia, ny pygarga, sy ny antilopa, ary ny ropikapra.
[6]Azonareo hohanina ny biby rehetra izay mivaky kitro, izany dia, izay manana kitro mizara roa, ary izay mandinika. [7]Na dia izany aza, aza mihinana ireo biby sasany izay mandinika na izay manana kitro mizara roa ianareo: ny rameva, ny bitro, ary ny hyraka; satria mandinika ireo nefa tsy mivaky kitro, maloto aminareo ireo.
[8]Ny kisoa koa dia maloto aminareo satria mivaky kitro izy nefa tsy mandinika; maloto aminareo izy. Aza mihinana hena-kisoa, ary aza mikasika ny fatin'ireo.
[9]Amin'ireo zavatra izay ao anaty rano dia azonareo hohanina: izay rehetra misy vombony sy kirany; [10]nefa izay rehetra tsy misy vombony sy kirany dia aza hohaninareo; maloto aminareo ireo.
[11]Ireo vorona madio rehetra dia azonareo hohanina. [12]Nefa ireto no biby tsy azonareo hohanina: ny voromahery, ny voltora, ny gypa, [13]ny papango mena sy ny papango mainty, izay karazana voromahery rehetra.
[14]Aza mihinana ny karazana goaika rehetra, [15]sy ny ostritsa, sy ny tararaka, ny vorondriaka, izay karazana tararaka rehetra, [16]ny voron-dolo kely, ny voron-dolo lehibe, ny voron-dolo fotsy, [17]ny sama, ny voltora madinika, ny vano.
[18]Aza mihinana ny vanobe, sy ny karazana vano rehetra, ny takidara, ary ny ramanavy. [19]Ny zavatra manan'elatra, sy mandady rehetra dia maloto aminareo; tsy tokony hohanina ireo. [20]Azonareo hanina ireo zavatra manidina madio rehetra.
[21]Aza mihinana zavatra izay maty ho azy; azonareo homena ny vahiny izay ao amin'ny tanànanao; mba hahafahany mihinana izany; na azonareo amidy amin'ny vahiny izany. Fa ianareo dia firenena izay voatokana ho an'i Yaveh Andriamanitrareo. Aza mampangotraka zanak'osy amin'ny rononon-dreniny.
[22]Aloavy ny ampahafolon'ny vokatry ny voanao rehetra, izay mivoaka avy ao amin'ny saha isan-taona isan-taona.
[23]Misakafoana eo anoloan'i Yaveh Andriamanitrareo, ao amin'ny toerana izay hofidiany ho fitoerany masina, ny ampahafolon'ny varinao, ny divainao vaovao, sy ny menakao, ary ny voalohan-teraky ny ombinao sy ny ondry aman'osinao; mba hahafahanao mianatra hanompo lalandava an'i Yaveh Andriamanitrao.
[24]Raha lava loatra aminareo ny dia ary tsy zakanareo izany, satria lavitra loatra anao ny toerana izay hofidian'i Yaveh Andriamanitrao ho fitoerany masina, dia, rehefa mitahy anao Yaveh Andriamanitra, [25]hanova ny fanatitra ho vola ianao, hamatotra ny vola eny an-tananao, ary handeha any amin'ny toerana izay hofidian'i Yaveh Andriamanitrao.
[26]Ao no handanianao ny vola amin'izay rehetra irinao: amin'ny omby, na amin'ny ondry, na amin'ny divay, na amin'ny zava-pisotro mahery, na amin'izay rehetra irinao; dia any ianao no hihinana eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao, ary hifaly ianao, ianao sy ny ankohonanao. [27]Ny Levita izay ao anatin'ireo vavahadinao—aza mahafoy azy, fa tsy manana anjara na lova aminao izy.
[28]Amin'ny faran'ny isan-telo taona dia hanolotra ny ampahafolon'ny vokatrao rehetra amin'izany taona izany ianao, ary hitahiry izany ao anatin'ny vavahadinao ianao; [29]ary ny Levita, satria izy tsy manana anjara na lova aminao, sy ny vahiny, sy ny kamboty, ary ny mpitondratena izay ao anatin'ny vavahadinao, dia ho avy sy hihinana ary ho afa-po. Ataovy izany mba hahafahan'i Yaveh Andriamanitrao mitahy anao amin'ny asan'ny tananao rehetra izay ataonao.

15 [1]Amin'ny faran'ny isam-pito taona, dia manaova fanafoanana trosa ianao. [2]Izany no fomban'ny fanafahana: Ny mpampindram-bola rehetra izay nampindrana dia tokony hamoy izay nampindraminy amin'ny mpiara-belona aminy; tsy hangataka izany amin'ireo mpiara-belona aminy izy na ny rahalahiny satria ny fanafoanan'I Yaveh ny trosa dia efa voambara. [3]Vahiny iray no azonao hangatahina izany; fa na inona na inona anao eo ampelan-tanan'ny rahalahinao dia tokony hafoinao.
[4]Koa, tsy tokony hisy olona mahantra eo aminao (fa Yaveh dia hitahy anao any amin'ny tany izay omeny anao tahaka ny lova ho fananananao), [5]raha toa ka mihaino tsara ny feon'Yaveh Andriamanitrao ianao, ka mitandrina ireo didy rehetra izay handidiko anao izao. [6]Fa Yaveh Andriamanitrao hitahy anao, araka izay nampanantenainy anao; ary hampisambotra amin'ny firenena maro ianao, fa tsy hindrana; hanapaka amin'ny firenena maro ianao, fa izy ireo kosa tsy hanapaka anao.
[7]Raha misy lehilahy mahantra eo aminao, iray amin'ireo rahalahinao, izay ao amin'ny vavahadinao rehetra eo amin'ny tany izay nomen'Yaveh Andriamanitrao anao, aza manamafy ny fonao na manidy ny tananao amin'ny rahalahinao mahantra; [8]fa sokafy tsara aminy ny tananao ary ampindramo izay ilainy izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Mitandrema mba tsy hanana sain-dratsy ao am-pona, manao hoe: "Ny taona fahafito, ilay taonan'ny fanafahana, dia efa akaiky, mba tsy ho kahihitra eo imason'ireo rahalahinao ianao ary tsy hanome azy ireo na inona na inona; ary hitaraina amin'i Yaveh momba anao izy, ka fahotana ho anao izany. [10]Tsy maintsy homenao izy, ary tsy tokony hanenina ny fonao rehefa manome azy ianao, satria ny valin'izany dia hitahy anao amin'ny asanao rehetra sy izay rehetra ataon'ny tananao i Yaveh Andriamanitrao.
[11]Satria ny mahantra dia tsy hitsahatra hisy eto amin'ny tany; noho izany no handidiko anao sy hilazako hoe: 'Sokafy tsara amin'ny rahalahinao ny tananao, ho an'izay mila ny fanampinao, ary amin'ireo mahantranao ao amin'ny taninao.'
[12]Raha amidy aminao sy manompo anao mandritry ny enin-taona ny rahalahinao, lehilahy Hebreo, na vehivavy Hebreo, dia tsy maintsy hamela azy malalaka ianao amin'ny taona fahafito. [13]Rehefa avelanao handeha malalaka eo aminao izy, dia aza avela handeha tanam-polo. [14]Vatsio ondry aman'osinao, ny famoloan'ny varinao, sy ny famiazam-boalobokao amim-pahalalahana izy. Araka izay efa nitahian'i Yaveh Andriamanitrao anao, tsy maintsy homenao izy.
[15]Tadidio fa andevo tany amin'ny tany Egypta ianareo, ary io Yaveh Andriamanitrareo io no nanavotra anareo; noho izany mandidy anareo aho izao hanao izany. [16]Hitranga izany rehefa miteny anareo izy hoe: 'Tsy hiala eo aminareo aho.' satria izy tianareo sy ny tranonareo, ary satria izy dia tsara aminareo, [17]Ary alaivo ny haolo ka teveo amin'ny sofiny eo am-baravarananа, dia ho mpanomponareo mandrakizay izy. Tsy maintsy ataonareo izany koa ny mpanompovavinareo
[18]Tsy tokony ho sarotra aminareo ny handefa azy malalaka aminareo, satria efa nanompo anareo nandritry ny enin-taona izy ary nanome avo roa heny ny vidin'ny olona karamaina. Yaveh Andriamanitrareo dia hitahy anareo amin'izay rehetra ataonareo.
[19]Ny lahy rehetra amin'ny voalohan-teraky ny ombinareo sy ny ondry aman'osinareo rehetra dia tsy maintsy hatokanareo ho an'i Yaveh Andriamanitrareo. Tsy hanao asa miaraka amin'ny voalohan-teraky ny ombinareo ianareo, na manety ny voalohan-teraky ny ondrinareo. [20]Hano eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrareo isan-taona isan-taona ny voalohan-teraka eo amin'ny toerana izay hofidianan'i Yaveh, anareo sy ny ankohonanareo. [21]Raha misy kilema izany— ohatra, raha mandringa na jamba, na inona na inona kilema hafa—aza atao sorona ho an'i Yaveh Andriamanitrareo izany.
[22]Hihinana izany ao amin'ireo vavahadinareo ianareo; ireo olona maloto sy ny olona madio dia tsy maintsy mihinana izany, tahaka ny hihinananareo gazela na diera. [23]Fa kosa tsy tokony mihinana ny ràn'izany ianareo; fa ararao eo amin'ny tany tahaka ny rano ny ràny.

16 [1]Tandrovy ny volan'i Abiba, ary tandromy ho an'i Yaveh Andriamanitrareo ny Paska, satria tamin'ny volan'i Abiba no namoahan'i Yaveh Andriamanitrareo anareo tao Egypta nandritry ny alina. [2]Mandritry ny Paska dia ho ataonareo sorona ho an'i Yaveh Andriamanitrareo ny sasany amin'ireo ondry aman'osy ary ny omby ao amin'ny toerana izay ho safidian'i Yaveh ho fitoerany masina.
[3]Haninareo miaraka amin'ny mofo tsy misy masirasira izany; hafitoana no hihinananareo mofo tsy misy masirasira miaraka amin'izany, ny mofom-pahoriana; satria tampoka no nivoahanareo tao Egypta. Ataovy izany mandritry ny androm-piainanareo mba hahatsiarovanareo ilay andro nivoahanareo tao amin'ny tany Egypta. [4]Mandritry ny fito andro dia tsy tokony hahitana lalivay eo amin'ny faritra rehetra misy anareo; na hahitana iray amin'ireo hena izay natao sorona ny hariva ho tehirizana mandra-maraina.
[5]Mandritry ny Paska dia tsy hanao sorona biby ao anatin'ny vavahadin'ny tanànanareo izay omen'i Yaveh Andriamanitrareo ho anareo ianareo. [6]Fa kosa, manaova sorona eny amin'ny toerana izay ho safidian'i Yaveh Andriamanitrareo ho fitoerany masina. Eo no hanaovanareo sorona ho an'ny Paska ny hariva mileti-masoandro, amin'ilay andro iray anatin'ny taona izay nivoahanareo tao Egypta.
[7]Hatonoy izany ary hano eny amin'ny toerana izay ho safidian'Yaveh Andriamanitrareo; ny maraina ianareo dia hitodika ary hiverina ao amin'ireo lainareo. [8]Hihinana mofo tsy misy masirasira ianareo mandritry ny enina andro; amin'ny andro fahafito dia hisy fivoriana manetriketrika ho an'i Yaveh Andriamanitrareo; amin'io andro io dia tsy mahazo miasa ianareo.
[9]Dia manisà fito herinandro; manomboka amin'ny fotoana hijinjanareo voalohany ny vary amin'ny antsy finjinjana no hanisànareo ireo herinandro fito. [10]Hazony ho an'i Yaveh Andriamanitrareo ny Herinandro Firavoravoana miaraka amin'ny fandraisana anjara amin'ny fanati-tsitrapo avy eny an-tananareo izay ho homenareo, araka ny nitahian'i Yaveh Andriamanitrareo anareo.
[11]Hifaly eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo—ianareo, ny zanakareo lahy, ny zanakareo vavy, ny mpanomponareo lahy, ny mpanomponareo vavy, ny Levita izay ao amin'ny vavahadin'ny tanànanareo, sy ireo mpivahiny, ireo kamboty ray, ary ny mpitondratena eo aminareo, eo amin'ny toerana izay ho safidian'i Yaveh Andriamanitrareo ho fitoerany masina. [12]Ho tsaroanareo fa andevo tany Egypta ianareo; tandrovy ary hampiaro ireo lalàna ireo.
[13]Tandrovy ny Fetin'ny Fialofana mandritry ny fito andro aorian'ny fanangonanareo ny vokatra avy amin'ny famoloana sy ny famiazanareo. [14]Hifaly ianareo mandritry ny firavoravoanareo—ianareo, ny zanakareo lahy, ny zanakareo vavy, ny mpanomponareo lahy, ny mpanomponareo vavy, ny Levita, sy ireo mpivahiny, ary ireo kamboty, sy ny mpitondratena izay ao anatin'ny vavahadinareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Mandritry ny fito andro ianareo dia hitandrina ny firavoravoana ho an'i Yaveh Andriamanitrareo eny amin'ny toerana izay ho safidian'i Yaveh, satria i Yaveh Andriamanitrareo dia hitahy anareo amin'ny vokatra sy ny asan'ny tananareo rehetra, ary dia hifaly tokoa ianareo.
[16]Ireo lehilahinareo dia hiseho in-telo isan-taona eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrareo eny amin'ny toerana izay ho safidiany: any amin'ny Firavoravoana ny Mofo tsy misy masirasira, any amin'ny Herinandro Firavoravoana, sy any amin'ny Fetin'ny Tabernakely; ary tsy hiseho tanam-polo eo anoloan'i Yaveh izy ireo; [17]fa kosa, hanome araka izay tratrany ny lehilahy rehetra, mba hahafantaranareo ny fitahiana izay efa nomen'i Yaveh Andriamanitrareo anareo.
[18]Manendre mpitsara sy manam-boninahitra ao anatin'ny vavahadin'ny tanànanareo rehetra izay omen'i Yaveh Andriamanitrareo anareo; ho alaina isam-pokonareo izy ireo, ary hitsara ny olona amin'ny fitsaràna marina. Tsy [19]tsy tokony haka an-kery ny fitsaràna ianareo; tsy tokony mampiseho fitanilanana na koa mandray kolikoly, satria ny kolikoly mahajamba ny mason'ireo hendry ary mamadika ireo tenin'ny fahamarinana. [20]Tokony hanaraka ny fitsaràna ianareo, ny fitsaràna irery, mba hiainanareo sy handovanareo ny tany izay homen'i Yaveh Andriamanitrareo anareo.
[21]Aza manangana Aseraha ho an'ny tenanareo, na karazana bao, akaikin'ny alitaran'i Yaveh Andriamanitrareo izay ho ataonareo ho an'ny tenanareo ianareo. [22]Ianareo ihany koa dia tsy tokony hanangana andrim-bato masina ho an'ny tenanareo, izay halan'i Yaveh Andriamanitrareo.

17 [1]Aza manao sorona omby na ondry izay misy kilema na zavatra ratsy ho an'i Yaveh Andriamanitrareo, satria izany dia fahavetavetana amin'i Yaveh Andriamanitrareo.
[2]Ary raha misy eo aminareo, ao amin'ireo vavahadin'ny tanànareo izay nomen'Andriamanitra anareo, lehilahy na vehivavy hita manao izay ratsy eo imason'i Yaveh Andriamanitrareo ary mivadika amin'ny fanekeny, [3]na iza na iza nandeha sy nanompo andriamani-kafa ary miankohoka amin'izy ireo, na masoandro, na volana, na izay zavatra rehetra eny amin'ny lanitra—izay tsy nandidiko anareo— [4]ary raha lazaina ny amin'izany ianareo, na efa renareo izany, dia aoka ianareo hanao fanadihadiana tsara. Raha marina ary azo antoka fa nisy fametavetana tahaka izany natao tao Israely, dia izao no tokony ataonareo.
[5]Aoka ho entinareo eo amin'ny vavahadin'ny tanàna, ny lehilahy na vehivavy, izay nanao izany zava-dratsy izany, aoka ho torahanareo amin'ny vato ho faty izany olona izany. [6]Amin'ny tenin'ny vavolombelona roa, na vavolombelona telo, dia aoka ho vonoina ho faty izy; fa amin'ny tenin'ny vavolombelona iray monja dia aoka tsy ho vonoina ho faty izy. [7]Tsy maintsy ny tanan'ireo vavolombelona no voalohany mamono azy ho faty, ary aorian'izany dia ny tanan'ireo vahoaka rehetra; ary ho esorinao tsy ho eo aminareo ny ratsy.
[8]Raha misy raharaha mitranga izay sarotra loatra aminareo ny mitsara azy—mety hoe resaka vono olona na fahafatesana tsinahy, teo amin'ny zon'olona sy zon'olona iray hafa, na karazana fandratrana natao, na karazana raharaha hafa, raharaha mampiady hevitra eo amin'ireo vavahadin'ny tanànanareo—dia aoka ianareo hiakatra any amin'ny toerana izay ho fidian'i Yaveh Andriamanitrareo ho fitoerany masina. [9]Aoka ianareo handeha any amin'ireo mpisorona, ireo taranak'i Levy, ary any amin'ireo mpitsara izay tompon'anjara amin'izany fotoana izany; hitady ny hevitr'izy ireo ianareo, ary homen'izy ireo anareo ny didim-pitsaràna.
[10]Aoka arahinareo ny lalàna nomena anareo ao amin'ny toerana ho safidian'i Yaveh ho fitoerany masina. Hitandrina hanao ny zava-drehetra izay hanoron'izy ireo lalana hataonareo ianareo. [11]Araho ny lalàna izay ampianarin'izy ireo anareo, ary ataovy araka ireo fanapahan-kevitra omen'izy ireo anareo. Aza mivily amin'izay nolazain'izy ireo anareo, ho any ankavanana na ho any ankavia.
[12]Na iza na iza miavonavona, amin'ny tsy fihainoana ny mpisorona izay mitsangana hanompo eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrareo, na amin'ny tsy fihainoana ny mpitsara—izany olona izany dia ho faty; hanala ny ratsy amin'Israely ianareo. [13]Aoka ny olona rehetra handre ary hatahotra, ary tsy hiavonavona intsony.
[14]Rehefa tonga any amin'ny tany izay omen'i Yaveh Andriamanitrareo anareo ianareo, ary rehefa azonareo izany ka manomboka mipetraka ao ianareo, dia hoy ianareo hoe: "Hametraka mpanjaka eo amiko aho, tahaka ireo firenena rehetra izay manodidina ahy,' [15]ary dia tsy maintsy hametraka mpanjaka eo aminareo tokoa ianareo izay olona ho fidian'i Yaveh Andriamanitrareo. Tsy maintsy hametraka mpanjaka eo aminareo ianareo izay olona avy amin'ireo rahalahinareo. Tsy afaka mametraka vahiny, izay tsy rahalahinareo, eo aminareo ianareo.
[16]Kanefa tsy azony atao ny manamaro soavaly ho an'ny tenany, na hahatonga ny vahoaka hiverina any Egypta mba hahafahany manamaro ireo soavaly, fa hoy Yaveh taminareo hoe: "Tsy hiverina amin'izany lalana izany intsony ianareo.'
[17]Tsy mahazo maka vady maro ho an'ny tenany izy, mba tsy hiodinan'ny fony any an-kafa. Tsy mahazo manangona volafotsy sy volamena be dia be izy.
[18]Rehefa mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny fanjakany izy, dia tsy maintsy soratany ho an'ny tenany amin'ny horonan-taratasy ny lalàna, avy amin'ny lalàna izay eo anoloan'ireo mpisorona, izay Levita. [19]Tsy maintsy miaraka aminy ny horonan-taratasy, ary tsy maintsy vakiany izany amin'ny andro rehetra hiainany, mba hahafahany mianatra manaja an'i Yaveh Andriamanitrareo, mba hitànany ireo teny rehetran'ireto didy aman-dalàna ireto, mba hitandremana azy ireo.
[20]Tsy maintsy ataony izany mba tsy hireharehan'ny fony amin'ireo rahalahiny, ary mba tsy hiviliany amin'ireo didy, ho any an-kavanana na ho any an-kavia; mba hahalava ireo androny sy ireo zanany ao amin'ny fanjakany, eo amin'Israely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

18 [1]Ireo mpisorona, izay Levitika, ary ny fokon'i Levy rehetra, dia tsy hahazo anjara na lova miaraka amin'Israely; tsy maintsy mihinana ireo fanatitr'i Yaveh natao tamin'ny afo toy ny lovany izy ireo. [2]Tsy tokony mahazo lova eo amin'ireo rahalahiny izy ireo; Yaveh no lovan'izy ireo, araka ny efa nolazainy tamin'izy ireo.
[3]Izao no anjaran'ny mpisorona avy any amin'ny vahoaka, sy avy any amin'ireo nanao sorona na ireo omby na ireo ondry: tokony homen'izy ireo ho an'ny mpisorona ny soroka, ny takolany roa, sy ireo atiny. [4]Ireo voaloham-bokatry ny varinao, ny divainao vaovao, sy ny diloilonao, ary ny volon'ondrinao voalohany, dia tokony homenao azy izany. [5]Fa Yaveh Andriamanitrareo no nifidy azy teo amin'ny fokonareo rehetra mba hijoro sy hanompo amin'ny anaran'i Yaveh, izy sy ny zanany lahy mandrakizay.
[6]Raha misy Levita iray tonga avy amin'ny tanànanareo niala ny Israely rehetra izay nipetrahany, ary maniry amin'ny fanahiny rehetra ho tonga amin'ilay toerana izay ho fidian'i Yave, [7]dia tsy maintsy manompo amin'ny anaran'i Yaveh Andriamaniny izy toy ny ataon'ireo Levita rehetra rahalahiny, izay mijoro ao manoloana an'i Yaveh. [8]Tokony hanana ny anjara fihinanana mitovy izy ireo, ankoatran'izay azo amin'ny fivarotana ny lovan'ny fianakaviany.
[9]Rehefa tafiditra ao amin'ny tany izay homen'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo, dia aza mianatra mandinika ny fahavetavetan'ireo firenena ireo. [10]Tsy tokony hahitana olona mametraka ny zanany lahy na ny zanany vavy anaty afo eo aminareo, na iza na iza mampiasa sikidy, na misikidy, mampiasa ody, na manao ody, [11]mpanao vintana, miresaka amin'ny maty, na izay miresaka amin'ireo fanahy.
[12]Fa na iza na iza manao ireo zavatra ireo dia fahavetavetana amin'i Yaveh izany; satria noho ireo fahavetavetana ireo no handroahan'i Yaveh Andriamanitrareo azy ireo tsy ho eo anoloanareo. [13]Aoka tsy hanan-tsiny eo anoloan'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo. [14]Fa ireo firenena izay ho alainareo ireo dia mihaino ireo mpanao ody sy sikidy; fa ianareo kosa, Yaveh Andriamanitrareo dia tsy namela anareo nanao izany.
[15]Hanangana mpaminany avy aminareo ho anareo i Yaveh Andriamanitrareo, iray amin'ireo rahalahinareo, tahaka ahy. Tokony henoinareo izy. [16]Izany no nangatahinareo tamin'i Yaveh Andriamanitrareo tany Horeba tamin'ny andron'ny fiangonana, manao hoe: 'Andeha isika tsy handre ny feon'i Yaveh Andriamanitsika intsony, na hahita ity afo lehibe ity intsony, fandrao ho faty isika.'
[17]Ary hoy Yaveh tamiko hoe: 'Tsara ireo izay nolazain'izy ireo. [18]Hanangana mpaminany iray ho an'izy ireo Aho ho eo amin'ireo rahalahin'izy ireo, izay tahaka anareo. Hataoko ao am-bavany ireo teniko, ary ho lazainy azy ireo izay nandidiko azy rehetra. [19]Hiseho izany raha misy olona tsy mihaino ireo teniko izay lazainy amin'ny anarako, ho takiko aminy izany.
[20]Fa ilay mpaminany izay milaza teny am-pireharehana amin'ny anarako, ny teny izay tsy nandidiko azy ho lazaina, na izay miteny amin'ny anaran'ireo andriamanitra hafa, dia tsy maintsy ho faty izany mpaminany izany. [21]Izao no tokony ho lazainareo ao am-ponareo: "Ahoana no hanekenay hafatra izay tsy nolazain'i Yaveh?'
[22]Hanaiky ny hafatra izay nolazain'i Yaveh ianareo rehefa miteny amin'ny anaran'i Yaveh ny mpaminany. Raha tsy mitranga na tsy tanteraka izany zavatra izany, noho izany dia zavatra tsy nolazain'i Yaveh izany ary niteny izany tamim-pireharehana ny mpaminany, ka tsy tokony hatahotra azy ianareo.

19 [1]Rehefa manapaka ireo firenena Yaveh Andriamanitrareo, ireo tany izay omen'i Yaveh Andriamanitrareo ho anareo, ary rehefa maka ny tanin'izy ireo ary monina tao amin'ny tanànan'izy ireo sy ny tranon'izy ireo ianareo, [2]dia misafidiana tanàna telo ho an'ny tenanareo eo afovoan'ny taninareo izay nomen'i Yaveh Andriamanitrareo anareo ho fananana. [3]Manamboara lalana ary zarao ho telo ny faritaninareo, ny tany izay navelan'i Yaveh Andriamanitrareo ho lovainareo, mba handositra any izay rehetra mamono olon-kafa.
[4]Izao no lalàna ho an'ny olona izay mamono olon-kafa ary mandositra hipetraka any: na iza na iza mamono tsinahy ny mpiara-belona aminy, ary tsy nankahala azy teo aloha— [5]toy ny rehefa mankany an'ala miaraka amin'ny mpiara-belona aminy mba hanapaka hazo, ary mikapa ny hazo amin'ny famaky izy, ary miala eny amin'ny tahony ny lohan'ilay famaky ka mahavoakapoka ilay mpiara-belona aminy ka maty izy—dia tsy maintsy mandositra any amin'ny iray amin'ireo tanàna ireo ary mipetraka any izany lehilahy izany.
[6]Raha tsy izany dia mety ho arahin'ny mpamaly rà ilay iray izay hanala ny aina, ary ny firehetan-katezerany no handresy, raha lehibe loatra ny halavirana, kapohy izy ary vonoy izy, na dia tsy mendrika ny ho faty aza izany lehilahy izany, satria tsy nankahala ny mpiara-belona aminy izy tany aloha. [7]Noho izany mandidy anao aho hifidy tanàna telo ho anao.
[8]Raha manitatra ny faritaninareo i Yaveh Andriamanitrareo, araka ny efa nianianany tamin'ireo razambenareo fa ho ataony, ary ny tany rehetra izay nampanantenainy fa homena ny razambe anareo; [9]raha tandrovinareo ireo didy rehetra ireo, izay handidiko anareo anio— ireo didy mba hitia an'i Yaveh Andriamanitrareo sy handeha amin'ny lalany mandrakariva, dia tokony hanampy tanàna telo lehibe ho an'ny tenanareo ianareo, ankoatra ireo telo. [10]Ataovy izany mba tsy hisy ràn'olona tsy manan-tsiny hiraraka eo amin'ilay tany izay omen'i Yaveh Andriamanitrareo ho anareo ho lova, mba tsy ho meloka amin'ny rà ianareo.
[11]Saingy raha misy olona mankahala ny mpiara-belona aminy, manomana tetika hamonoana azy, mitsangana hanohitra azy, ary mandratra azy mba ho faty, ary raha mandositra any amin'ny iray amin'ireo tanàna ireo izy— [12]dia tsy maintsy maniraka sy maka azy hiverina avy any ireo loholona ao amin'ny tanànany, ary manolotra azy eo an-tanan'ny mpamaly

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

faty, mba ho faty izy. [13]Aoka ny masonareo tsy ampiseho famindram-po aminy; fa kosa, foano tsy ho eo amin'Israely ny famonoana olona tsy manan-tsiny, mba hahasoa anareo.
[14]Aza esorina amin'ny mpiara-belona aminareo ny famantaran-tany izay napetrak'izy ireo fotoana maro tany aloha, amin'ny lova izay ho lovainareo, any amin'ny tany izay omen'i Yaveh Andriamanitrareo ho fananananareo.
[15]Tsy misy vavolombelona tokana tokony hitsangana hiampanga olona iray amin'ny heloka rehetra, na amin'ny ota rehetra, amin'ny zavatra nanotàny rehetra; fa amin'ny vavan'ny vavolombelona roa, na amin'ny vavan'ny vavolombelona telo, no hanamarinana ny zavatra rehetra. [16]Raha atao hoe misy vavolombelona tsy marina iray mitsangana manohitra olona mba hijoro vavolombelona hiampanga azy amin'ny fanaovan-dratsy.
[17]Ary ireo lehilahy roa, izay misy tsy fiombonan-kevitra, dia tsy maintsy mijoro eo anatrehan'i Yaveh, eo anatrehan'ireo mpisorona sy mpitsara izay mpanompo tamin'izany andro izany. [18]Ireo mpitsara dia tokony hanao fanadihadiana lalina; jereo, raha sandoka ny vavolombelona ary raha mijoro vavolombelona tsy marina amin'ny rahalahiny, [19]dia ataovy aminy izay niriany hatao amin'ny rahalahiny; ary hanala ny ratsy eo aminareo ianareo.
[20]Ary ireo izay tavela dia handre sy hatahotra, ary tsy hanao zava-dratsy toy izany eo aminareo intsony manomboka eo.
[21]Tsy tokony hampiseho famindram-po ny masonareo; ny aina no ho solon'ny aina, maso solon'ny maso, nify solon'ny nify, tanana solon'ny tanana, tongotra solon'ny tongotra.

20 [1]Raha hivoaka hiady amin'ny fahavalonareo ianareo, ka mahita ireo soavaly, ireo kalesy, ary vahoaka maro an'isa noho ianareo, dia aza matahotra azy ireo ianareo; fa miaraka aminareo i Yaveh Andriamanitrareo, Izy izay nitondra anareo niakatra niala ny tany Egypta.
[2]Koa rehefa mby ampototry ny ady ianareo, dia tsy maintsy hanatona ny mpisorona ka hiteny amin'ny vahoaka. [3]Dia hilaza amin'izy ireo izy hoe: "Mihainoa, ry Israely, hiady amin'ny fahavalonareo ianareo. Aoka tsy ho reraka ny fonareo. Aza matahotra na mangovitra. Aza matahotra azy ireo. [4]Fa i Yaveh Andriamanitrareo no hiaraka handeha aminareo mba hiady amin'ny fahavalonareo ary mba hamonjy anareo.
[5]Dia tsy maintsy hiteny amin'ny vahoaka ireo manam-boninahitra ka hanao hoe: "Misy lehilahy ve ao izay nanao trano vaovao ka mbola tsy nitokana izany? Aoka izy handeha ary hiverina any an-tranony, mba tsy ho faty an'ady izy ka ho lehilahy hafa indray no hitokana izany.
[6]Misy lehilahy ve namboly tanim-boaloboka ka mbola tsy nisitraka ny vokatr'izany? Aoka izy hody, mba tsy ho faty an'ady izy ka olon-kafa indray no hisitraka ny vokatr'izany. [7]Misy lehilahy ve ao nifamofo tamim-behivavy nefa tsy mbola nanam-bady azy? Aoka izy hody mba tsy ho faty an'ady ka ho lehilahy hafa indray no hanambady azy."
[8]Dia mbola hiteny amin'ny vahoaka hatrany ireo manam-boninahitra hanao hoe: "Misy lehilahy ve ao izay matahotra na reraka am-po? Aoka izy handeha ary hiverina any an-tranony, mba tsy ho ketraka toy ny fony koa ny fon'ny rahalahiny."
[9]Koa rehefa avy miteny amin'ny vahoaka ireo manam-boninahitra, dia tsy maintsy manendry mpifehy hitarika azy ireo izy ireo.
[10]Rehefa mandeha mba hanafika tanàna ianareo, dia manaova tolo-pihavanana amin'ireo vahoaka ireo. [11]Raha manaiky ny tolotrareo sy manokatra ny vavahadiny ho anareo izy ireo, dia ho tonga andevonareo sy hanompo anareo ny olona rehetra izay hita ao.
[12]Fa raha tsy manao tolo-pihavanana aminareo izany, fa hamaky ady aminareo kosa, dia tsy maintsy ataonareo fahirano izany, [13]ary rehefa manome fandresena anareo Yaveh Andriamanitrareo ka mametraka azy ireo eo ambany fifehezanareo, dia tsy maintsy vonoinareo ny lehilahy rehetra ao amin'ilay tanàna
[14]Fa ny vehivavy kosa, ireo zaza madinika, ny biby fiompy, sy izay rehetra ao amin'ilay tanàna, ary ny hareny rehetra, dia ho alainareo ho babo ho anareo izany. Dia hihinana ny babon'ireo fahavalonareo ianareo, izay nomen'i Yaveh Andriamanitrareo anareo. [15]Izany no fomba tsy maintsy ataonareo amin'ireo tanàna rehetra izay tena lavitra anareo, dia ireo tanàna tsy avy amin'ireto tanàn'ireto firenena manaraka ireto.
[16]Ao amin'ny tanànan'ireo olona izay omen'i Yaveh Andriamanitrareo anareo ho lovaina ireo, dia tsy azonareo asiana velona izay mety ho manam-pofon'aina. [17]Fa kosa, tsy maintsy ravànareo tanteraka izy ireo: ny Hetita, sy ny Amorita, ny Kananita, ny Perizita, ny Hivita, ary ny Jebosita, araka izay nandidin'i Yaveh Andriamanitrareo anareo. [18]Ataovy izany mba tsy hampianaran'izy ireo anareo hanao ireo fomba fahavetavetany, araka izay nataon'izy ireo tamin'ireo andriamaniny. Raha manao izany ianareo, dia hanota amin'i Yaveh Andriamanitrareo.
[19]Rehefa ela no hanaovanareo fahirano tanàna iray, raha miady aminy ianareo mba hahazoana azy, dia tsy azonareo kapaina amin'ny famaky ireo hazony. Satria afaka mihinana avy amin'ireo ianareo, izany no tsy hahazoanareo manjera azy ireo. Fa olona ve ny hazo ao an-tsaha no tokony ataonareo fahirano? [20]Ireo hazo izay fantatrareo fa tsy hazo fihinana ihany, no azonareo simbaina sy azera; hanangana fahirano manohitra an'ilay tanàna izay miady aminareo ianareo, mandra-paharavan'izany.

21 [1]Raha misy olona hita faty ao amin'ny tany izay nomen'i Yaveh Andriamanitrareo ho fananana, mandry eo amin'ny saha, ary tsy fantatra izay nanafika azy; [2]dia tsy maintsy mandeha mivoaka ireo loholonareo sy ireo mpitsaranareo, ary tsy maintsy mandrefy ireo tanàna izay manodidina an'ilay olona novonoina izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Ary ireo loholon'ny tanàn-dehibe izay akaikin'ny fatin'ilay olona dia tsy maintsy maka ombivavikely avy amin'ny andian'omby, anankiray izay tsy mbola nampiasaina mihitsy, ary tsy nisy zioga. [4]Avy eo dia tsy maintsy roasin'izy ireo midina amin'ny lohasaha misy rano mandeha ilay ombivavikely, lohasaha izay tsy mbola nasaina tamin'ny angadin'omby na nambolena, ary eo amin'ny lohasaha izy ireo no tsy maintsy manolana ny tendan'ilay ombivavikely.
[5]Ireo mpisorona, taranak'i Levy, dia tsy maintsy manatona akaiky; satria izy ireo no nosafidin'i Yaveh Andriamanitrao hanompo Azy sy hitahy ny olona amin'ny anaran'i Yaveh; henoy ireo tolo-kevitr'izy ireo, satria ny tenin'izy ireo dia ho didim-pitsaràna amin'ny fifamaliana rehetra sy amin'ny fandratrana.
[6]Ireo loholon'ny tanàna rehetra izay akaikin'ilay olona novonoina dia tsy maintsy manasa ny tanan'izy ireo eo amin'ilay ombivavikely izay voaolana teo amin'ny lohasaha ny tendany; [7]ary tsy maintsy mamaly ny zava-misy izy ireo ka miteny hoe: "Ny tananay dia tsy nandatsaka ny ràny, ary tsy nahita izany ny masonay.
[8]Mamelà ny vahoaka Israelinao, izay efa navotanao, ry Yaveh, ary aza atao meloka amin'ny fandatsahan-drà olona tsy manan-tsiny ny vahoaka Israelinao." Dia ho avela heloka amin'ny fandatsahan-drà izy ireo. [9]Amin'izany fomba izany no hanesoranao ny rà tsy manan-tsiny eo anivonao, rehefa manao izay marina eo imason'i Yaveh ianao.
[10]Rehefa mandeha mivoaka hiady hanohitra ireo fahavalonao ianao ary Yaveh Andriamanitrao manome fandresena anao sy manao azy ireo ho eo ambany fahefanao, ary mihazona azy ireo ho babo ianao, [11]raha mahita vehivavy tsara tarehy eo amin'izy ireo ianao, ary manam-paniriana aminy ka maniry ny haka azy ho vadinao, [12]dia ho entinao any an-tranonao izy; hanaratra ny lohany izy ary hanapaka ny hohony.
[13]Ary hanala ny akanjo izay nanaovany tamin'izy babo izy ka hijanona ao amin'ny tranonao ary hisaona ny rainy sy ny reniny mandritry ny iray volana. Rehefa avy miara-mandry aminy ianao ary lasa vadiny, dia ho vadinao izy. [14]Fa raha tsy mahazo fahafinaretana aminy ianao, dia hamela azy handeha any amin'izay iriany aleha. Fa tsy azonao atao ny mivarotra azy ho fahazoam-bola, ary tsy azonao atao ny mitondra azy tahaka ny andevo, satria efa nanala baraka azy ianao.
[15]Raha manana vady roa ny lehilahy iray ary ny iray dia tiana fa ny iray ankahalaina, ka samy niteraka zaza ho azy avokoa ireo roa ireo—ilay vady tiana sy ilay vady ankahalaina—raha avy amin'ilay ankahalaina ny lahimatoa, [16]amin'ny andro izay hampandovan'ilay lehilahy izay hananany an'ireo zanany, dia tsy tokony hanao ny zanak'ilay vady tiana ho lahimatoa alohan'ny zanak'ilay vady ankahalaina izy, ilay zanaka izay lahimatoa ankehitriny. [17]Fa kosa, tsy maintsy miaiky izay lahimatoa izy, dia ilay zanaky ny vady ankahalaina, amin'ny alalan'ny fanomezana azy anjaran-droa amin'izay fananany rehetra; satria io zanaka io no fiandohan'ny tanjany; ka azy ny fizokiana.
[18]Raha misy lehilahy iray manana zanaka mafy loha sy mpikomy izay tsy hankato ny feon'ny rainy na ny feon'ny reniny, ary izay, na dia ahitsin'izy ireo aza izy, dia tsy hihaino azy ireo; [19]dia tsy maintsy manery azy sy mitondra azy mivoaka mankany amin'ireo loholon'ny tanànany sy any am-bavahadin'ny tanànany ny rainy sy ny reniny.
[20]Tsy maintsy miteny amin'ireo loholon'ny tanànany izy ireo hoe: "Ity zanakay ity dia mafy loha sy mpikomy; tsy hankato ny feonay izy; tendan-kanina sy mpimamo izy." [21]Dia tsy maintsy mitora-bato azy ho faty avokoa ny olon-drehetran'ny tanànany; ary ianao dia hanala ny ratsy eo aminao. Ny Israely rehetra dia handre izany ka hatahotra.
[22]Raha nanao fahotana mendrika fahafatesana ny olona iray ary vonoina izy, ka haraviravinao eny amin'ny hazo, [23]dia tsy azo ajanona eo amin'ny hazo mandritry ny alina tontolo mihitsy ny fatiny. Fa kosa, tsy maintsy alevinao amin'io andro io ihany izy; satria na iza na iza naraviravy dia voahozon'Andriamanitra. Ankatoavy ny didiny mba tsy handoto ny tany izay nomen'i Yaveh Andriamanitrao ho lova ianao.

22 [1]Tsy tokony hiambina ny ombin'ireo Israelita namanao ianao na ny ondriny mandeha amin'ny lalan-diso ka manafina ny tenanao amin'ireo; tsy maintsy ampodinao aminy ireo. [2]Raha tsy akaiky anao ireo Israelita namanao, na raha tsy mahafantatra azy ianao, dia tsy maintsy mitondra ilay biby any an-tranonao ianao, ary tsy maintsy miaraka aminao izany mandra-pitadiavany azy, ary avy eo dia tsy maintsy ampodinao any aminy izany.
[3]Tokony manao tahaka izany amin'ny apondrany ianao; tokony manao tahaka izany amin'ny fitafiany ianao; ary tokony manao tahaka izany amin'ireo zavatry ny Israelita namanao very rehetra ihany koa ianao, ny zavany izay very ka hitanao; tsy tokony manafina ny tenanao ianao. [4]Tsy tokony mijery ny apondran'ny Israelita namanao na ny ombiny mianjera amin'ny lalana ka manafina ny tenanao amin'izy ireo ianao; tokony manampy izany hiarina indray ianao.
[5]Tsy tokony hitafy fitafian-dehilahy ireo vehivavy, ary tsy tokony manao fitafiam-behivavy ireo lehilahy; fa na iza na iza manao ireo zavatra ireo dia fanevatevana an'i Yaveh Andriamanitrareo izany.
[6]Raha misy akanim-borona miseho eo anoloanao eny an-dalana, eny amin'ny hazo rehetra na eny amin'ny tany, miaraka amin'ny zanany na atody ao aminy, ary ilay reniny mipetraka eo amin'ny zanany na eo amin'ireo atody, dia tsy tokony haka ilay reny miaraka amin'ilay zanany ianao. [7]Tokony hamela ilay reny handeha ianao, fa ilay zanany dia afaka alainao ho anao. Mankatoava izany baiko izany mba ho lavorary aminao izany, ary mba hahalava ny andronao.
[8]Rehefa manorina trano vaovao ianao, dia asio aro-fanina ny tafonao mba tsy hitondranao rà ao an-tranonao raha misy olona mianjera avy eo amin'izany.
[9]Tsy tokony hamboly ny tanim-boalobokao miaraka amin'ny karazana voa roa ianao, mba tsy ho alain'ny toerana masina ny vokatra rehetra, ireo voa izay nafafinao ary ny vokatry ny tanim-boaloboka. [10]Aza miasa tany amin'ny omby sy apondra indray miaraka ianao. [11]Aza mitafy lamba vita tamin'ny volon'ondry sy rongony miaraka.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Manamboara somotr'aviavy eo amin'ny zorony efatra amin'ny akanjo lava izay anaovanao.
[13]Raha misy lehilahy iray maka vady, miara-mandry aminy, ary avy eo mankahala azy, [14]sy manendrikendrika azy amin'ny zavatra mahamenatra ary manao ratsy laza azy, sy milaza hoe: 'Naka izany vehivavy izany aho, fa rehefa nanatona akaiky azy aho, dia tsy nahita porofo amin'ny maha virijiny azy.'
[15]Dia tsy maintsy maka porofo ny amin'ny maha-virjiny azy ho an'ireo loholona ao amin'ny vavahadin'ny tanàna ny ray sy renin'ilay vehivavy.
[16]Ny rain'ilay vehivavy dia tsy maintsy milaza amin'ireo loholona hoe: 'Nanome ny zanako vavy ho vadin'izany lehilahy izany aho, ka nankahala azy izy. [17]Indro, nanendrikendrika azy tamin'ny zava-mahamenatra izy, ary nilaza hoe: "Tsy hitako tao amin'ny zanakareo vavy ny porofon'ny maha virjiny azy." Kanefa ity ny porofo amin'ny maha virijiny ny zanako vavy.' Avy eo izy ireo dia hamelatra ny fitafiany eo anatrehan'ireo loholon'ny tanàna.
[18]Tokony haka io lehilahy io ireo loholon'ny tanàna ary hanasazy azy, [19]ary tokony hampanonitra azy sekela volafotsy zato izy ireo, ary hanome izany ho an'ny rain'ilay vehivavy, satria nanao ratsy laza tamin'ny virijinin'Israely iray ilay lehilahy. Tsy maintsy ho vadiny izy; ary tsy afaka ny hisaraka aminy izy mandritry ny androny rehetra.
[20]Fa raha marina izany zavatra izany, fa ilay porofo maha-virijiny dia tsy hita tao amin'ilay vehivavy, [21]dia tsy maintsy hitondra an'ilay vehivavy any amin'ny varavaran'ny tranon'ilay ray izy ireo, ary ireo lehilahy any amin'ny tanàna dia tsy maintsy hitora-bato azy ho faty, satria nanao zavatra maharikoriko tany Israely izy, tamin'ny fanaovana fihetsika toy ny vehivavy janga tao an-tranon-drainy; ary hanala ny ratsy eo aminareo ianareo.
[22]Raha misy lehilahy tratra niara-nandry tamin'ny vehivavy iray izay manambady lehilahy iray hafa, dia tsy maintsy ho faty izy roa, ilay lehilahy izay niara-nandry tamin'ilay vehivavy sy ilay vehivavy mihitsy; dia hanala ilay ratsy eo aminao ianao.
[23]Raha misy vehivavy virijiny iray, mivady amin'ny lehilahy iray, ary lehilahy iray hafa mahatratra azy ao amin'ny tanàna ka miara mandry aminy, [24]dia alaivo ho any amin'ny vavahadin'ny tanàna izy roa, ka torahy vato ho faty. Tsy maintsy mitoraka ilay vehivavy ianao, satria tsy nitomany izy, na dia tao amin'ny tanàna aza. Tsy maintsy mitoraka ilay lehilahy ianao, satria nandika ny vadin'ny mpiara-belona aminy izy; ary hanala ny ratsy eo aminao ianao.
[25]Fa raha tratran-dralehilahy eny an-tsaha ilay vehivavy efa fofombadin'olona, ka raha azoniny izy ary miara-mandry aminy, dia ilay lehilahy izay miara-mandry aminy ihany no tsy maintsy ho faty. [26]Fa ilay vehivavy tsy hanaovanao na inona na inona; tsy misy heloka mendrika fahafatesana ao amin'ilay vehivavy. Fa izany tranga izany dia toy ny lehilahy iray manafika ny mpiara-belona aminy sy mamono azy. [27]Fa hitany tany an-tsaha izy; nihiaka mafy ilay vehivavy fofombadin'olona, kanefa tsy nisy olona afaka namonjy az.
[28]Raha misy lehilahy mahatratra vehivavy virijiny iray nefa tsy mbola fofombadin'olona, ary raha hazoniny sy miara-mandry aminy izy, ka raha tratra izy ireo, [29]dia tsy maintsy manome sekely volafotsy dimampolo amin'ny rain'ilay vehivavy ilay lehilahy niara-nandry taminy, ary tsy maintsy lasa vadiny ilay vehivavy, satria nanala baraka azy izy. Tsy tokony hisaraka aminy izy mandritry ny androny rehetra.
[30]Tsy tokony maka ny vadin-drainy ho azy manokana ny lehilahy iray; tsy tokony maka ny zon'ny fanambadin'ny rainy izy.

23 [1]Tsy misy lehilahy naratra tamin'ny fanesorana na fanapahana ny filahiany afaka hiditra ao amin'ny fiangonan'i Yaveh. [2]Tsy misy zazasary afaka ho isan'ny fiangonan'i Yaveh; ka hatrany amin'ny taranaka fara-mandimbiny fahafolo, tsy hisy ho isan'ny fikambanan'i Yaveh izy ireo.
[3]Ny Amonita sy Moabita dia tsy ho isan'ny fiangonan'i Yaveh; ka hatrany amin'ny taranaka fara-mandimbiny fahafolo, tsy hisy ho isan'ny fiangonan'i Yaveh izy ireo. [4]Izany dia satria tsy nitsena anareo tamin'ny mofo sy rano teny amin'ny lalana nivoahanareo avy tany Egypta izy ireo, ary satria nanakarama an'i Balama zanaka lahin'i Beora avy any Petora any Arama Naharaima hanoherana anao izy ireo, mba hanozona anao.
[5]Fa Yaveh Andriamanitrao dia tsy hihaino an'i Balama; fa kosa, navadik'i Yaveh ho fitahiana ho anao ilay ozona, satria tian'i Yaveh Andriamanitrao ianao. [6]Tsy tokony hitady ny fiadanana na fanambinan'izy ireo mihitsy ianao, mandritry ny androm-piainanao rehetra.
[7]Tsy tokony hankahala Edomita ianao, satria rahalahinao izy; tsy tokony hankahala Egyptiana ianao, satria vahiny tany amin'ny taniny ianao. [8]Ireo taranaka avy amin'ny taranaka fahatelo izay naterak'izy ireo dia mety ho anisan'ny fiangonan'i Yaveh.
[9]Raha mandeha tahaka ny tafika manohitra an'ireo fahavalonao ianao, dia tokony hitandrina ny tenanao amin'ny zavatra ratsy rehetra. [10]Raha misy lehilahy tsy madio noho izay nitranga taminy ny alina eo aminao, dia tokony hivoaka ao amin'ny tobin'ny tafika izy; tsy mahazo miverina ao amin'ny toby intsony izy. [11]Rehefa tonga ny hariva, dia tokony hanasa ny tenany amin'ny rano izy; rehefa milentika ny masoandro, dia hiverina ao amin'ny toby izy.
[12]Tokony hanana toerana any ivelan'ny toby ihany koa ianao izay handehananao; [13]ary hanana zavatra ao amin'ny fitaovam-piasanao ianao mba handavahana; rehefa mitingitingina manao maloto ianao, dia tokony handavaka amin'izany ary avy eo mamerina ny tany ka manototra izay nivoaka avy tao aminao. [14]Satria i Yaveh Andriamanitrao dia mandeha eny afovoan'ny tobinao mba hanome fandresena ho anao sy hanolotra ireo fahavalonao aminao. Noho izany dia tokony ho masina ny tobinao, mba tsy hahitany zavatra tsy madio eo aminao ka hivadika aminao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Ny andevo izay nitsoaka avy any amin'ny tompony dia tsy tokony haverina any aminy. [16]Avelao izy hipetraka hiaraka aminao, na aiza na aiza tanàna fidiany. Aza ampahoriana izy.
[17]Tsy tokony hisy mpijangajanga amin'ny fanompoan-tsampy eo amin'ireo zanaka vavin'Israely, na koa hisy mpijangajanga amin'ny fanompoan-tsampy eo amin'ireo zanaka lahin'Israely. [18]Ireo karaman'ny mpivaro-tena na karaman'alika dia tsy tokony entinao miditra ao an-tranon'i Yaveh Andriamanitrao mba hanatanterahana voady; satria samy fahavetavetana amin'i Yaveh Andriamanitrao ireo.
[19]Tsy tokony haka tombony amin'ireo Israelita namanao ianao rehefa mampindrana—tombony amin'ny vola, tombony amin'ny sakafo, tombony amin'ny na inona na inona nampindramina hakàna tombony. [20]Mety hampindrana hakàna tombony ianao amin'ny vahiny; fa amin'ireo Israelita namanao dia tsy tokony hampindrana hakàna tombony ianao, mba hitahian'i Yaveh anao amin'izay rehetra hametrahanao tanana, ao amin'ny tany izay ho lasa fananan ao.
[21]Rehefa manao voady amin'i Yaveh Andriamanitrao ianao, dia tsy tokony hiraikiraiky amin'ny fanatanterahana izany, satria azo antoka fa ho takian'i Yaveh Andriamanitrao aminao izany; ho fahotana ho anao ny tsy fanatanterahana izany.
[22]Fa raha hanindry fo ianao amin'ny fanaovana voady, dia tsy ho fahotana ho anao izany. [23]Ny teny izay naloaky ny vavanao dia tandrovy ary tanteraho; arak'izay voady nataonao tamin'i Yaveh Andriamanitrao, na inona na inona nampanantenainao maimaimpoana tamin'ny vavanao.
[24]Rehefa mankany amin'ny tanim-boaloboky ny mpiara-belona aminao ianao, dia mety hihinana voaloboka maro araka izay irinao, fa aza manisy ao anaty haronao. [25]Rehefa mandeha mankany amin'ny tanimbarin'ny mpiara-belona aminao ianao, dia mety hioty salohim-bary amin'ny tananao, fa aza ametrahana antsy fijinjàna ny salohim-barin'ny mpiara-belona aminao.

24 [1]Raha misy lehilahy maka vady ka manambady azy, ary raha tsy mahita sitraka eo imasony ravehivavy satria nahita zavatra tsy nety taminy izy, dia tsy maintsy manoratra taratasy fanamarinana fisaraham-panambadiana aminy izy, apetrao eo am-pelatanany izany ary roahy ao an-tranony izy. [2]Rehefa niala tao amin'ny tranony izy, dia afaka mandeha sy ho vadin'ny lehilahy hafa.
[3]Raha mankahala azy ilay vadiny faharoa ka hanoratra taratasy fanamarinana fisaraham-panambadiana, dia apetraho eo am-pelatanany izany, ary roahy ao an-tranony izy; na raha maty ilay vadiny faharoa, ilay lehilahy izay naka azy ho vady — [4]dia afaka tsy maka vady azy intsony ilay vadiny teo aloha, izay voalohany nandroaka azy, rehefa voaloto izy; satria ho fahavetavetana amin'i Yaveh izany. Aza manao izay mahatonga ny tany ho meloka ianao, dia ilay tany izay omen'i Yaveh Andriamanitrao ho lova.
[5]Raha misy lehilahy vao nampaka-bady, dia tsy tokony handeha an'ady miaraka amin'ny tafika izy, na baikoina handeha hanao asa an-terivozona; ho afaka hipetraka ao ao an-tranony mandritry ny herin-taona ary hampifaly ny vadiny izay nampakariny izy.
[6]Tsy misy lehilahy maka fikosoham-bary na ny vatony ambony ho antoka, satria izany dia maka ny ain'olona ho antoka.
[7]Raha misy lehilahy tratra maka an-keriny ny iray amin'ireo rahalahiny izay eo amin'ny vahoakan' Israely, sy manao azy ho toy ny andevo ary hivarotra azy, dia tsy maintsy ho faty izany mpangalatra izany; ary hanafaka ny ratsy eo aminao ianao.
[8]Mitandrema amin'ny areti-mandringan'ny habokana, mba hahafahanao manara-maso tsara sy manaraka ny toromarika rehetra izay nomena anareo sy izay nampianarin'ireo mpisorona, ireo Levita anareo; araka ny nandidiako azy ireo, ka ho arahinareo. [9]Tsarovy ny nataon'i Yaveh Andriamanitrao tamin'i Miriama rehefa avy tany Egypta ianareo.
[10]Rehefa mampisambo-javatra ny mpiara-belona aminao ianao, dia aza miditra ao an-tranony mba haka ny antokany.
[11]Hijoro ao ivelany ianao, ary ilay lehilahy izay nampindraminao dia hitondra ilay antoka hivoaka eo aminao.
[12]Raha lehilahy mahantra izy, aza entina matory ho fananan ao ny antokany. [13]Fa tsy maintsy averinao any aminy ilay antoka amin'ny fotoana hilentehan'ny masoandro, mba hahafahany matory ao anaty lambany ary hitahiany anao; ho fahamarinana ho anao eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao izany.
[14]Aza mampahory ny mpanompo nokaramaina izay mahantra sy ao anatin'ny tsy fahampiana, na zanak'ireo Israelita namanao, na ireo vahiny izay ao amin'ny tany izay ao am-bavahadin'ny tanànanao; [15]omeo azy isan'andro ny karamany; aza avela ho tratry ny masoandro milentika izany, satria mahantra izy ary miandrandra izany. Ataovy izany mba tsy hitarainany any amin'i Yaveh ny aminao, ary mba tsy ho fahotana ho anao izany.
[16]Ny ray aman-dreny dia tsy tokony ho vonoina noho ireo zanany, na ny zanaka ho vonoina noho ireo ray aman-dreniny. Fa kosa, ny tsirairay avy dia tsy maintsy vonoina nohon'ny fahotany manokana.
[17]Tsy tokony hampiasa hery ianao mba hanalana ny rariny amin'ny vahiny na ny kamboty, na haka ny lamban'ny mpitondratena ho antoka. [18]Fa kosa, tsarovy fa ianao dia andevo tany Egypta, ary Yaveh Andriamanitrao no namonjy anao tany. Noho izany mananatra anao hankatoa izany didy izany aho.
[19]Raha mijinja ny vokatrao any amin'ny sahanao ianao, ary raha nanadino amboara iray tany an-tsaha, dia aza miverina maka izany; avelao ho an'ny vahiny, ho an'ny kamboty ary ho an'ny mpitondratena izany, mba hitahian'i Yaveh Andiamanitrao anao amn'ny asan'ny tananao rehetra. [20]Rehefa manintsana ny hazo olivanao ianao, dia aza mamerina mitsimpona ireo eny amin'ny sampany intsony; ho an'ny vahiny, ho an'ny kamboty, ary ho an'ny mpitondratena izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Rehefa manangona ny voaloboka eny amin'ny tanim-boalobokao ianao, dia aza mitsimpona izany intsony. Fa izay sisa tavela dia ho an'ny vahiny, ho an'ny kamboty, ary ho an'ny mpitondratena. [22]Tsarovy fa andevo tany amin'ny tany Egypta ianao; noho izany mananatra anao hankato izany didy izany aho.

25 [1]Raha misy fifamaliana eo amin'ireo lehilahy ka mankany amin'ny fitsarana izy ireo, ary tsarain'ireo mpitsara izy ireo, dia ho afahan'izy ireo madiodio ilay marina ary ho melohina ilay ratsy fanahy. [2]Raha mendrika ny ho kapohina ilay meloka, dia ho ampandrian'ilay mpitsara izy ary ho kapohina eo anatrehany miaraka amin'ny isan'ny kapoka voatondro, araka ny helony.
[3]Mety hanome kapoka efa-polo azy ny mpitsara, saingy tsy afaka mihoatra an'io isa io izy; satria raha manome mihoatra io isa io izy ka mikapoka azy bebe kokoa, dia ho afa-baraka eo imasonareo ireo Israelita namanareo.
[4]Aza manakombona ny vavan'ny omby rehefa mively vary izy.
[5]Raha misy mpirahalahy miara-mipetraka ary maty ny iray amin'izy ireo, ka tsy nanan-janaka lahy, dia tsy mahazo manambady olona ivelan'ny fianakaviana ny vadin'ilay lehilahy maty. Fa kosa, tsy maintsy miara-mandry aminy ny zaodahiny ka maka vady azy, ary manao ny adidy amin'ny maha-zaodahy azy. [6]Izany dia mba hahombiazan'ilay teraka voalohany izay nentiny tao an-kibony amin'ny anaran'ilay rahalahin'io lehilahy io izay maty, mba tsy ho levona ao Israely ny anarany.
[7]Fa raha tsy manam-paniriana ny haka ny vadin'ny rahalahiny ho azy ilay lehilahy, dia tsy maintsy mankany amin'ny vavahady any amin'ireo loholona ny vadin'ny rahalahiny ary miteny hoe: 'Ny zaodahiko dia mandà ny hanome anarana ho an'ny rahalahiny eto Israely; tsy hanao ny adidin'ny zaodahy amiko izy.' [8]Avy eo ireo loholona eo an-tanànany tsy maintsy miantso azy ary hiresaka aminy. Fa raha atao hoe mihizingizina izy ary miteny hoe: 'Tsy manam-paniriana haka azy aho.'
[9]Avy eo ny zaodahiny tsy maintsy manatona azy eo anatrehan'ireo loholona, manala ny kapa eny an-tongony, ary mandrora eny amin'ny tarehiny. Tsy maintsy mamaly azy izy ary miteny hoe: 'Toy izany no atao amin'ny lehilahy izay tsy manorina ny tranon'ny rahalahiny.' [10]Ny anarany dia ho antsoina ao Israely hoe: 'Ny tranon'ilay nesorina ny kapany.'
[11]Raha miady ireo lehilahy, ary tonga ny vadin'ny iray mba hanavotra ny vadiny eny an-tanan'izay namely azy, ary raha maninjitra ny tanany ka mandray azy any amin'ny filahiny izy, [12]dia tsy maintsy tapahinao ny tanany; tsy tokony hanana famindram-po ny masonao.
[13]Tsy tokony hanana vatomizana samihafa ianao ao anaty kitaponao, ilay kely sy lehibe. [14]Tsy tokony hanana fandrefesana samihafa ianao ao an-tranonao, ilay kely sy lehibe.
[15]Vatomizana tonga lafatra sy marina no tokony hanananao; fandrefesana tonga lafatra sy marina no tokony hanananao, mba ho lava ny andronao ao amin'ny tany izay omen'i Yaveh Andriamanitrao anao. [16]Fa ireo rehetra izay manao zavatra toy izany, ny rehetra izay manao fihetsika tsy am-pahamarinana, dia fahavetavetana eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao.
[17]Tadidio izay nataon'i Amalekita anao teny an-dalana raha nivoaka an'i Egypta ianareo, [18]ny fomba nihaonany taminao teny an-dalana sy ny nanafihany ny sasany taminao avy tao aoriana, ireo rehetra izay osa taorianao, rehefa reraka sy sasatra ianao; tsy nanome voninahitra an'Andriamanitra izy. [19]Noho izany, rehefa nomen'i Yaveh Andriamanitrao fitsaharana tamin'ireo fahavalo nanodidina anao ianao, tao amin'ny tany izay nomen'i Yaveh Andriamanitrao anao mba ho lova, dia tsy tokony hadinoinao fa tsy maintsy mamono ny fahatsiarovana an'ireo Amelekita eo ambany lanitra ianao.

26 [1]Rehefa tonga any amin'ny tany izay homen'i Yaveh Andriamanitrao ho lovanao ianao, ary rehefa lasanao sy honenanao izany, [2]tsy maintsy alainao ny sasany amin'ny voaloham-bokatra rehetra eo amin'ilay tany izay nitondrana anao teo amin'ny tany izay nomen'i Yaveh Andriamanitrao. Tsy maintsy hataonao ao anaty harona izany ary handeha any amin'ny toerana izay nosafidin'Yaveh Andriamanitrao ho fitoerany masina ianao.
[3]Tsy maintsy mandeha any amin'ny mpisorona izay hanompo amin'ireo andro ireo ianao, ary hiteny aminy hoe: 'Miaiky an'i Yaveh Andriamanitrao aho ankehitriny fa izaho dia avy amin'ny tany izay nianianan'i Yaveh tamin'ireo razantsika mba homena antsika.' [4]Tsy maintsy halain'ny mpisorona eo an-tananao ilay harona ary hapetrany manoloan'ny alitaran'i Yaveh Andriamanitrao.
[5]Tsy maintsy miteny eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao ianao hoe: 'Syrianina mienjienjy ny razambeko. Nandeha nidina tany Egypta izy ary nijanona tany, ary vitsy an'isa ireo vahoakany. Tany no nahatonga azy ho lehibe, nahery, ary firenena be mponina.
[6]Ratsy fitondrana sy nampahory antsika ireo Egyptiana. Nampanaoviny ny asan'ireo andevo isika. [7]Nitaraina tamin'i Yaveh, Ilay Andriamanitr'ireo razantsika isika, ary henony ny feontsika ary hitany ny fahoriantsika, ny asantsika, ary ny fijaliantsika.
[8]Nentin'i Yaveh nivoaka avy tany Egypta tamin'ny tanana mahery isika, tamin'ny faninjirana sandry, sy tamin'ny fampitahorana lehibe, tamin'ny famantarana, ary tamin'ny fahagagana; [9]ary Izy nitondra antsika tamin'ity toerana ity sy nanome antsika ity tany ity, dia tany izay tondra-dronono sy tantely.
[10]Indro ankehitriny, mitondra ny voaloham-bokatry ny tany izay nomenao, Yaveh, ahy aho. 'Tsy maintsy hapetrakao eo ambany manoloana an'i Yaveh Andriamanitrao izany ary manaova fanompoam-pivavahana eo anoloany; [11]ary ianao dia

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tsy maintsy miravoravo amin'izay zava-tsoa rehetra nataon'i Yaveh Andriamanitrao taminao, tamin'ny ankohonanao—ianao, sy ny Levita, ary ireo mpivahiny eo aminao
12 Rehefa avy manolotra ny ampahafolon'ny vokatrao rehetra tamin'ny taona fahatelo ianao, izay, taonan'ny ampahafolon-karena, dia tsy maintsy homenao ho an'ny Levita izany, ho an'ny vahiny, ho an'ny kamboty, sy ho an'ny mpitondratena, mba hahafahan'izy ireo mihinana ao anatin'ny vavahadin'ny tanànanao ka ho voky. 13 Tsy maintsy milaza eo anoloan'i Yaveh Andriamanitrao ianao hoe: 'Nentiko nivoaka ny tranoko ireo zavatra izay an'i Yaveh, ary nomeko ny Levita, ny mpivahiny, ny tsy manan-dray, sy ny mpitondra tena, araka ny didinao rehetra izay nomenao ahy. Tsy nisy nodikaiko ireo didinao, na nohadinoiko ireo.
14 Tsy nihinana tamin'izany aho nandritry ny fisaonako, na nataoko teny ho eny tamin'ny andron'ny fahalotoko, na nomeko ho fahan-kanina hanajana ny maty. Nihaino ny feon'i Yaveh Andriamanitro aho; nankatoaviko avokoa izay rehetra nandidianao ahy mba hataoko. 15 Mijere ambany avy eny amin'ny toerana masina izay hitoeranao, avy eny an-danitra, ary tahio ireo Israely vahoakanao, sy ilay tany izay nomenao anay, araka izay nianiananao tamin'ireo razanay, dia tany tondra-dronono sy tantely.'
16 Anio Yaveh Andriamanitrao dia mandidy anao mba hankato ireo lalàna sy didy ireo; noho izany dia hitandrina azy ireo ianao ary hanaraka izany amin'ny fonao manontolo sy ny fanahinao manontolo. 17 Nanao fanambarana ianao androany fa Yaveh dia Andriamanitrao, ka handeha amin'ny lalany ianao ary hitandrina ireo fitsipiny, ireo didiny, sy ireo lalàny, ary hiaino ny feony ianao.
18 Anio Yaveh dia manao fanambarana fa ianao dia vahoaka izay Azy manokana, araka izay nampanantenainy anao, ary ianao dia natao hitandrina ireo didiny rehetra, 19 ary ho hataony ho ambony noho ireo firenena hafa rehetra izay nataony ianao, ary ianao dia hahazo dera, laza, ary voninahitra. Ho vahoaka voatokana ho an'i Yaveh Andriamanitrao ianao, araka izay nolazainy."

27 1 Mosesy sy ireo loholon'Israely nandidy ny vahoaka ary niteny hoe: "Tandremo ireo didy rehetra izay andidiako anareo androany. 2 Rehefa hiampita an'i Jordana ianareo indray andro any ho any amin'ny tany izay omen'i Yaveh Andriamanitrao anao, dia tsy maintsy hametraka vato lehibe maromaro ianao ary handalotra ireo amin'ny sokay. 3 Tsy maintsy soratanao ao amin'ireo ny teny rehetra amin'ity lalàna ity rehefa tafita ianao, mba hiditra ao amin'ilay tany izay omen'i Yaveh anao ianao, dia tany tondra-dronono sy tantely, araka ny efa nampanantenain'i Yaveh, ilay Andriamanitr'ireo razambenao.
4 Rehefa tafita ny Jordana ianareo, dia hatsangano ireo vato izay handidiako anareo androany, ao an-tendrombohitra Ebala, ary lalory sokay ireo. 5 Ao no tsy maintsy hanorenanao alitara ho an'i Yaveh Andriamanitrao, alitara vita amin'ny vato; kanefa aza mampiasa fitaovana vy hiasana ireo vato.
6 Vato tsy voapaika no tsy maintsy hanamboaranao ny alitaran'i Yaveh Andriamanitrao; tsy maintsy hanao fanatitra dorana ho an'i Yaveh Andriamanitrao eo amin'io ianao, 7 ary hanao sorona fanati-pihavanana ianao ka hihinana ao. Hiravoravo eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao ianao. 8 Ho soratanao feno eo amin'ireo vato ireo ny teny rehetra amin'ity lalàna ity."
9 Mosesy sy ireo mpisorona, ary ireo Levita, niresaka tamin'ireo Israely rehetra, nanao hoe: "Mangina, ary mihainoa, ry Israely: Androany dia efa tonga vahoakan'i Yaveh Andriamanitrao ianao. 10 Noho izany dia tsy maintsy mankatò ny feon'i Yaveh Andriamanitrao ianao, ary mankatò ireo didiny sy ny lalàny izay handidiako anao androany."
11 Tamin'io andro io ihany dia nandidy ny olona i Mosesy ary niteny hoe: 12 "Ireto foko ireto no tsy maintsy hitsangana eo an-tendrombohitra Gerizima mba hitso-drano ny olona rehefa tafita an'i Jordana ianareo: Simeona, Levy, Joda, Isakara, Josefa, ary Benjamina.
13 Ireto foko ireto no tsy maintsy hitsangana eo amin'ny Tendrombohitra Ebala mba hanonona ozona: Roben, Gada, Asera, Zebolona, Dana, ary Naftaly. 14 Hamaly ireo Levita ary hiteny amin'ireo lehilahin'Israely rehetra amin'ny feo avo hoe:
15 'Ho voaozona anie ny lehilahy izay manao sarin-javatra voasokitra na sarin-javatra an'idina, izay fahavetavetana amin'i Yaveh, ny asan'ny tanan'ny mpanao asa tanana, sy izay manangana izany mangingina.' Ary ny vahoaka rehetra hamaly ary hilaza hoe: 'Amena.'
16 'Ho voaozona anie ny lehilahy izay manao tsinontsinona ny rainy na ny reniny.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.' 17 'Ho voaozona anie ny lehilahy izay mamindra ny mari-tanin'ny mpiray vodirindrina aminy.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.'
18 'Ho voaozona anie ny lehilahy izay mamery lalana ny jamba.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.' 19 'Ho voaozona anie ny lehilahy izay mampiasa hery mba hahazoana ny rariny izay tokony ho an'ny vahiny, ny kamboty, na ny mpitondratena.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.'
20 'Ho voaozona anie ny lehilahy izay miara-mandry amin'ny vadin'ny rainy, satria nangalatra ny zon'ny rainy izy.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.' 21 'Ho voaozona anie ny lehilahy izay miara-mandry amin'izay mety ho karazam-bibidia.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.'
22 'Ho voaozona anie ny lehilahy izay miara-mandry amin'ny anabaviny, ny zanaka vavin'ny rainy, na ny zanaka vavin'ny reniny.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.' 23 'Ho voaozona anie ny lehilahy izay miara-mandry amin'ny rafozam-baviny.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]'Ho voaozona anie ny lehilahy izay mamono mangingina ny mpiray vodirindrina aminy.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.'[25]'Ho voaozona anie ny lehilahy izay mandray kolikoly mba hamonoana ny olon-tsy meloka.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.'
[26]'Ho voaozona anie ny lehilahy izay tsy manamafy ireo tenin'ity lalàna ity, fa hankatò azy ireo izy.' Ary ny vahoaka rehetra hiteny hoe: 'Amena.'

28 [1]Raha mihaino tsara ny feon'i Yaveh Andriamanitrao ianao ary mitandrina ireo didiny rehetra izay handidiako anao androany, dia hametraka anao ambonin'ny firenena hafa rehetra eto an-tany Yaveh Andriamanitrao. [2]Ireo fitahiana rehetra ireo dia ho tonga aminao ary hahatratra anao, raha mihaino ny feon'i Yaveh Andriamanitrao ianao.
[3]Ho tahiana ianao ao an-tanàna, ary ho tahiana ianao any an-tsaha. [4]Ho tahiana izay naterakao, sy ny vokatry ny taninao, ary ny zanak'ireo bibinao, ny fitomboan'ny biby fiompinao, ary ny zanaky ny ondry aman'osinao.
[5]Ho tahiana ny haronao sy ny lovia fanaova-mofonao. [6]Ho tahiana ianao raha miditra, ary ho tahiana ianao raha mivoaka.
[7]Hahatonga ireo fahavalonao izay mitsangana manohitra anao ho resy eo anoloanao Yaveh; hivoaka hanohitra anao amin'ny lalana iray izy ireo nefa handositra eo anoloanao amin'ny lalana fito. [8]Handidy ny fitahiana ho tonga aminao ao amin'ireo sompitrao sy amin'izay rehetra kasihin'ny tananao Yaveh; hitahy anao any amin'ny tany izay omeny anao Izy.
[9]Hanorina anao tahaka ny vahoaka izay voatokana ho Azy Yaveh, tahaka ny efa nianianany taminao, raha mitandrina ireo didin'i Yaveh Andriamanitrao ianao, ary mandeha amin'ny lalany. [10]Ireo vahoaka rehetra eto an-tany hahita fa ianao dia nantsoina tamin'ny anaran'i Yaveh, ary hatahotra anao izy ireo.
[11]Hanao anao ho mpanan-karem-be amin'ny zanakao, amin'ny vokatry ny biby fiompinao, ary amin'ny vokatry ny taninao, amin'ny tany izay nianianany tamin'ireo razanao homena anao Yaveh. [12]Hanokatra ho anao ny trano fitehirizany any an-danitra mba hanome orana ho an'ny taninao amin'ny fotoany, sy mba hitahy ny asan'ny tananao rehetra i Yaveh; hampisambotra ny firenena maro ianao, fa tsy hisambotra.
[13]Hanao anao ho lohany, ary tsy ho rambony i Yaveh; ho ambony ihany ianao, fa tsy ho ambany mihitsy, raha mihaino ireo didin'i Yaveh Andriamanitrao izay handidiako anareo androany, ary mitandrina sy manao ireo, [14]ary raha tsy mivily amin'ny iray amin'ireo teny izay handidiako anao androany ireo ianao, amin'ny havanana na amin'ny havia, ary manaraka ireo andriamani-kafa mba hanompo azy ireo.
[15]Fa raha tsy mihaino ny feon'i Yaveh Andriamanitrao ianao, ary mitandrina ireo didiny sy ireo lalàny rehetra izay handidiako anao androany, dia ho tonga aminao ireo ozona rehetra ireo ary hahatratra anao.
[16]Hozonina ianao ao an-tanàna, ary hozonina ianao any an-tsaha. [17]Hozonina ny ao amin'ny haronao sy ny lovia fanaova-mofonao.
[18]Hozonina izay naterakao, ny vokatry ny taninao, ny fitomboan'ny biby fiompinao, ary ny zanaky ny ondry aman'osinao.
[19]Hozonina ianao raha miditra, ary hozonina ianao raha mivoaka.
[20]Yaveh handefa aminao ireo ozona, fisafotofotoana, ary ireo fitenenana mafy amin'izay rehetra kasihin'ny tananao, mandra-paharinganao, ary mandra-pahafatinao haingana noho ireo asa ratsinao izay hahafoizanao Ahy. [21]Hampifikitra ny areti-mandringana aminao mandra-pandringanany anao amin'ny tany izay ho azonao i Yaveh.
[22]Hamely anao amin'ireo areti-mifindra, amin'ny tazo, amin'ny fanaintainana, ary amin'ny hafanana main-tany sy mandoro, ary amin'ny rivotra mahamay sy maty fotsy i Yaveh. Hanenjika anao mandra-pahafatinao ireo.
[23]Ny lanitrao izay ambonin'ny lohanao dia ho varahina, ary ny tany izay ambaninao dia ho vy. [24]Hanao ny oran'ny taninao ho fasika sy vovoka i Yaveh; avy any an-danitra no hidinan'izany aminao, mandra-paharinganao.
[25]Hahatonga anao ho resy eo anoloan'ireo fahavalonao i Yaveh; hivoaka amin'ny lalana iray hanohitra azy ireo ianao nefa handositra eo anoloan'izy ireo amin'ny lalana fito. Hisamboaravoara etsy sy eroa ao amin'ireo fanjakan'ny tany rehetra ianao. [26]Ny fatinao dia ho sakafon'ireo vorona avy eny an-anitra rehetra sy ho an'ireo bibin'ny tany; tsy hisy na iza na iza hampitahotra ireo.
[27]Yaveh hamely anao amin'ireo vain'i Egypta sy amin'ireo fery, fahabokana, ary hidihidy, ary tsy ho sitrana amin'izany ianao. [28]Yaveh hamely anao amin'ny fahaverezan-tsaina, amin'ny fahajambana, ary amin'ny fikorotanan-tsaina.
[29]Hitsapatsapa amin'ny atoandro toy ny jamba mitsapatsapa anaty aizina ianao, ary tsy hambinina amin'ireo lalanao ianao; hampahoriana sy ho robaina foana ianao, ary tsy hisy na iza na iza hamonjy anao.
[30]Ho lasa mpifamofo amin'ny vehivavy ianao, nefa ny lehilahy hafa hisambotra azy ary hanolana azy. Hanamboatra trano ianao nefa tsy hipetraka ao amin'izany; hanao tanim-boaloka ianao nefa tsy hisitraka ny vokatr'izany. [31]Ho vonoina eo anoloan'ny masonao ny ombinao, nefa tsy hihinana ny henan'izany ianao; halaina an-keriny eo anoloan'ny masonao ny borikinao ary tsy haverina aminao. Homena ireo fahavalonao ny ondrinao, ary tsy hanana na iza na iza hanampy anao ianao.
[32]Ireo zanakao lahy sy ireo zanakao vavy dia homena ireo olon-kafa; hitady azy ireo tontolo andro ireo masonao, nefa tsy hahavita miandry azy ireo. Tsy hisy hery eo an-tananao.
[33]Ny vokatry ny taninao sy ny asanao rehetra— firenena izay tsy fantatrao no hihinana izany; hampahoriana sy ho potehina mandrakariva ianao, [34]mba hahatonga anao ho very saina noho izay zava-mitranga hitanao. [35]Yaveh hamely

anao amin'ny vay mahery eo amin'ny lohalika sy tongotra ary tsy ho sitrana amin'izany ianao, hatrany amin'ny faladianao ka hatrany amin'ny tampon-dohanao.
[36]Yaveh hitondra anao sy ny mpanjaka izay hapetrakao ho an'ny tenanao ho any amin'ny firenena izay tsy fantatrao, na ianao na ireo razanao; hanompo ireo andriamanin-kafa hazo sy vato ao ianao. [37]Ho lasa loharanon'ny horohoro, ohabolana, ary oha-pitenenenana, eo amin'ireo vahoaka rehetra izay handroahan'i Yaveh anao ianao.
[38]Hamboly voa betsaka eo an-tsaha ianao, kanefa voa kely no ho hangoninao ao, satria ireo valala dia handany izany.
[39]Hanao tanim-boaloboka ianao ary hamboly amin'ireo, nefa tsy mba hisotro amin'ny divay, na hanangona ireo voaloboka akory, satria ireo kankana no hihinana ireo.
[40]Hanana hazon'oliva ao anatin'ny faritaninao rehetra ianao, nefa tsy hanosotra ny menaka amin'ny tenanao, satria ireo hazon'olivanao hanintsana ireo voany. [41]Hanan-janaka lahy sy zanaka vavy ianao, nefa tsy hijanona ho anao izy ireo, fa ho lasa any amin'ny fahababoana.
[42]Ireo hazonao rehetra ary ny vokatry ny taninao— ireo valala no handany izany. [43]Ny vahiny izay eo aminao dia hisandratra avo dia avo amboninao; ianao tenanao dia hidina ambany dia ambany. [44]Hampisambotra anao izy, nefa ianao tsy hampisambotra azy; ho lohany izy, fa ianao kosa ho rambony.
[45]Ireo ozona rehetra ireo dia ho tonga aminao sy hanenjika ary hahatratra anao mandra-paharingana anao. Hitranga izany satria tsy nihaino ny feon'i Yaveh Andriamanitrao ianao, ary tsy nitandrina ireo didiny sy ireo fitsipiny izay nandidiany anao. [46]Ireo ozona ireo ho aminao ho famantarana sy fahagagana, ary ho amin'ny taranakao mandrakizay.
[47]Satria ianao tsy nanompo an'i Yaveh Andriamanitrao tamim-kafaliana sy fifalian'ny fo rehefa tao anatin'ny fanambinana ianao, [48]noho izany dia hanompo an'ireo fahavalo izay halefan'Andriamanitra hanohitra anao ianao; hanompo azy ireo amin'ny hanoanana, amin'ny hetaheta, amim-pitanjahana, ary amim-pahantrana ianao. Hametraka zioga vy eo am-bozonao mandra-pandringanany anao izy.
[49]Yaveh dia hitondra firenena hanohitra anao avy lavitra, avy any amin'ny faran'ny tany, tahaka ny voromahery manidina ho amin'ny hazany, firenena izay tsy azonao ny fiteniny; [50]firenena masiaka endrika izay tsy manaja ny zokiolona ary tsy maneho sitraka an'ireo tanora. [51]Hihinana ny zanaky ny biby fiompinao sy ny vokatry ny taninao mandra-paharingana anao izy ireo. Tsy hamela voa ho anare, divay vaovao, na diloilo, ny zanaky ny biby fiompinao na ny an'ny ondry aman'osinao izy ireo, mandra-pahafatiny anao.
[52]Hanao fahirano anao ao amin'ireo vavahadin'ny tanànanao rehetra izy ireo, mandra-pianjeran'ireo rindrinao avo sy mafy rehetra ao an-tanànanao, ireo rindrina izay nitokisanao. Hanao fahirano anao ao amin'ny vavahadin'ny tanànanao rehetra manerana ny tany rehetra izay nomen'i Yaveh Andriamanitrao anao izy ireo. [53]Hihinana ny vokatry ny vatanao ihany, ny nofon'ireo zanakao lahy sy ny an'ireo zanakao vavy, izay nomen'i Yaveh Andriamanitrao anao ianao, eo amin'ny fahirano sy eo amin'ny fahoriana izay ho ataon'ireo fahavalonao eo aminao.
[54]Ny lehilahy izay marefo sy tena malefaka eo aminareo—dia hialona ny rahalahiny sy ny vady malalany, ary ireo zanaka rehetra nilaozany izy. [55]Ka tsy hanome na amin'ny iray amin'izy ireo ny nofon'ny zanany izay ho haniny izy, satria tsy hanana na inona na inona tavela ho an'ny tenany amin'ny fahirano sy amin'ny fahoriana izay hataon'ireo fahavalonao aminao ao amin'ireo vavahadin'ny tanànanao rehetra izy.
[56]Ny vehivavy marefo sy malefaka eo aminao, izay tsy sahy mametraka ny faladian-tongony amin'ny tany nohon'ny faharefoana sy fahalefahana— dia hialona ny vady malalany ihany izy, ny zanany lahy, sy ny zanany vavy, [57]ary ny zanany vao teraka izay mivoaka avy ao anelanelan'ny tongony, sy ireo zanaka izay haterany. Hihinana azy ireo mangingina izy nohon'ny tsy fisian-javatra hafa, mandritra ny fahirano sy ny fahoriana izay hataon'ireo fahavalonao aminao ao amin'ireo vavahadin'ny tanànanao.
[58]Raha tsy mitandrina ny teny rehetra amin'izao lalàna izay voasoratra ao amin'ity boky ity izao ianao, ary tsy manaja ity anarana be voninahitra sy mampahatahotra ity, Yaveh Andriamanitrao, [59]dia ho ataon'i Yaveh mahatsiravina ny areti-mandringanao, sy ny an'ireo taranakao; ho areti-mandoza ireo, izay maharitra ela, ary aretina mahery, maharitra ela.
[60]Ho entiny aminao indray ireo aretin'i Egypta rehetra izay natahoranao; hifikitra aminao ireo. [61]Ny aretina sy ny areti-mandringana rehetra izay tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ity lalàna ity ihany koa, ireo ihany koa dia ho entin'i Yaveh aminao mandra-paharingana anao. [62]Avela ho kely an'isa ianareo, na dia tahaka ireo kintan'ny lanitra aza ny isanareo, satria tsy nihaino ny feon'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo.
[63]Tahaka ny nifalian'i Yaveh taminareo tany taloha tamin'ny fanaovana ny tsara ho anareo, sy tamin'ny fampitomboana anareo, no hifaliany aminareo amin'ny famonoana anareo sy amin'ny fandringanana anareo. Hongotana amin'ny tany izay andehananao mba hatao fananana ianareo. [64]Yaveh dia hampiely anao eo amin'ireo vahoaka rehetra eny amin'ny faran'ny tany iray ka hatrany amin'ny farany hafan'ny tany; any ianao dia hanompo ireo andriamani-kafa izay tsy fantatrao, na ianao na ireo razanao, ireo andriamanitra hazo sy vato.
[65]Any amin'ireo firenena ireo dia tsy hahita fitoniana ianao, ary tsy hisy fitsaharana ho an'ireo faladian-tongotrao; fa kosa, homen'i Yaveh fo tora-kovitra, maso mitanondrika, ary fanahy izay malahelo ianao any. [66]Hihantona amin'ny ahiahy eo anatrehanao ny fiainanao; hatahotra isan-kalina sy isan'andro ianao ary tsy hahazo antoka ny fiainanao akory.
[67]Amin'ny maraina dia hiteny ianao hoe: 'Iriko mba ho hariva izao!' ary amin'ny hariva dia hiteny ianao hoe: 'Iriko mba ho maraina izao!' nohon'ny tahotra ao am-ponao sy ireo zavatra izay ho hitan'ireo masonao. [68]Yaveh hitondra anao indray any Egypta amin'ny sambo, amin'ny lalana izay nolazaiko taminao hoe: 'Tsy hahita an'i Egypta intsony ianao.' Hanolotra

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ny tenanareo ho varotra any amin'ireo fahavalonareo toy ny mpanompo lahy sy vavy ianareo, nefa tsy hisy na iza na iza hividy anareo."

29 [1]Ireto ny teny izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy ho lazaina amin'ny vahoakan'Israely tany amin'ny tany Moaba, teny izay nanampiana ny fanekena izay nataony tamin'izy ireo tao Horeba.
[2]Nantsoin'i Mosesy ny vahoakan'Israely rehetra ka hoy izy tamin'izy ireo: "Efa hitanareo izay rehetra nataon'i Yaveh tamin'i Farao teo anoloan'ny masonao tany amin'ny tany Egypta, dia tamin'ireo mpanompony rahetra, sy tamin'ny taniny rehetra— [3]ireo fahoriana lehibe izay hitan'ny masonao, ireo famantarana, ary ireo fahagagana lehibe. [4]Fa hatramin'ny anio dia tsy nanome fo hahafantarana, maso hahitana, sofina handrenesana ho anareo Yaveh.
[5]Efapolo taona no nitondrako anareo tany an'efitra, tsy niala taminareo ny akanjonareo, ary tsy niala teo an-tongotrao ny kapanao. [6]Tsy nihinana mofo ianareo, tsy nisotro divay na zava-pisotro mahamamo hafa, mba hahafantaranareo fa Izaho no Yaveh Andriamanitrareo.
[7]Raha tonga tamin'ity toerana ity ianareo, dia nivoaka mba hiady amintsika, i Sihona, ilay mpanjakan'i Hesbona, sy Oga, ilay mpanjakan'i Basana, dia lavontsika izy ireo. [8]Nalaintsika ireo taniny ary nomentsika ho lovan'ireo Robenita, sy Gadita, ary ho an'ny an-tsasaky ny fokon'i Manase izany. [9]Noho izany tandremo ireo tenin'ity fanekena ity ary ataovy izany, mba ho hambinina amin'izay rehetra hataonareo anie ianareo.
[10]Mijoro ianareo androany, ianareo rehetra, eo anoloan'i Yaveh Andriamanitrareo; ireo lehibenareo, ireo fokonareo, ireo loholonareo, ary ireo manam-boninahitrareo—ireo lehilahin'i Israely rehetra, [11]ireo zaza madinikareo, ireo vadinareo, ary ny vahiny izay ao aminao ao amin'ny tobinao, na izay manapaka ny hazonao hatramin'izay mantsaka ny ranonao.
[12]Tonga eto ianao mba hiditra amin'ny faneken'i Yaveh Andriamanitrao sy amin'ny fianianana izay hataon'i Yaveh Andriamanitrao aminao ani, [13]ka hahatonga anao ho vahoakany Izy, ary Izy ho Andriamanitrao, arak'izay nolazainy taminao, sy arak'izay nianianany tamin'ny razanao, tamin'i Abrahama, tamin'i Isaka, ary tamin'i Jakoba.
[14]Fa tsy aminareo ihany no hanaovako izao fanekena sy fianianana izao— [15]dia amin'izay rehetra mitsangana eo anoloan'i Yaveh Andriamanitsika miaraka amintsika eto anio—fa amin'ireo izay tsy miaraka amitsika eto anio ihany ko.
[16]Fantatrareo ny fomba niainantsika tany amin'ny tany Egypta, ary ny fomba namakivakisantsika ireo firenena izay nolalovanareo.
[17]Efa hitananareo ireo zava-maharikorikon'izy ireo: dia ireo sampy hazo sy ireo sampy vatony, volafotsy sy volamena, izay teo amin'izy ireo. [18]Aoka tsy hisy eo aminareo na lehilahy, na vehivavy, na fianakaviana, na foko izay mivily miala amin'i Yaveh Andriamanitsika ny fony anio, ka handeha hanompo ny andriamanitr'ireo firenena ireo. Aoka tsy hisy faka mamokatra zava-mangidy sy zava-mahafaty eo aminareo. [19]Koa raha ren'izany olona izany ireo tenin'ity fanozonana ity, dia hitso-drano ny tenany ao am-pony izy ka hanao hoe: 'Hanam-piadanana aho, na dia mandeha araka ny ditran'ny foko aza.' Izany dia haharingana ny lena miaraka amin'ny maina.
[20]Ary tsy hamela azy Yaveh, fa kosa, hirehitra amin'izany lehilahy izany ny fahatezeran'i Yaveh sy ny hasarotam-piarony, ary ho tonga aminy ny ozona rehetra izay voasoratra anatin'ity boky ity, ary ho fafan'i Yaveh tsy ho eo ambany lanitra ny anarany. [21]Ary hatokan'i Yaveh ho eny ivelan'ny fokon' Israely rehetra amin'ny loza izy, araka ny fanozonana rehetra amin'ny fanekena izay vaosoratra anatin'ity bokin'ny lalàna ity.
[22]Ny taranaka ho avy, dia ireo zanaka izay handimby anareo, ary ny vahiny izay avy amin'ny tany lavitra, dia hiteny rehefa hitan'izy ireo ny areti-mandringana amin'ity tany ity sy ireo aretina izay nampahararian'i Yaveh izany— [23]Ary rehefa hitan'izy ireo fa tonga solifara sy sira mirehitra ny tany manontolo, izay tsy namafazana na inona na inona na namoha voa, izay tsy misy zava-maniry, tahaka ny naharava an'i Sodoma sy Gomoro, Adma sy Jeboima, izay noravan'i Yaveh tamin'ny fahavinirany sy fahatezerany— [24]dia hiara-hilaza amin'ny firenen-kafa rehetra izy ireo hoe: "Nahoana no nanao izao tamin'ity tany ity i Yaveh? Inona no hevitr'izao firehetan'ny fahatezerana lehibe izao?'
[25]Ary hiteny ireo vahoaka hoe: "Izao no izy satria tsy nanaraka ny faneken'i Yaveh, Andriamanitr'ireo razambeny izy ireo, izay nataony tamin'izy ireo tamin'ny nitondrany azy ireo nivoaka ny tany Egypta, [26]ary satria izy ireo nandeha nanompo andriamani-kafa sady niankohoka tamin'izany izy ireo, dia ireo andriamanitra izay tsy fantatr'izy ireo ary tsy nomeny ho azy ireo akory.
[27]Noho izany ny fahatezeran'Andriamanitra dia narehitra tamin'ity tany ity, ka tonga teo aminy ireo ozona rehetra izay voasoratra tamin'ity boky ity. [28]Ary nofongoran'i Yaveh tamin'ny fahatezerana, tamin'ny fahavinirana, ary tamin'ny fahasosorana lehibe, tsy ho amin'ny taniny izy ireo, ary nariany tany amin'ny tany hafa, mandrak'androany."
[29]Ireo zava-miafina dia an'i Yaveh Andriamanitsika irery ihany; fa ny zavatra ambara kosa dia natao ho antsika sy ireo taranatsika mandrakizay, mba hahafahantsika manatanteraka ny teny rehetran'ity lalàna ity.

30 [1]Rehefa tonga eo aminao izao zavatra rehetra izao, ireo fitahiana sy ireo ozona izay napetrako teo anolonao, ary rehefa mahatsiaro azy ireo ianao eo amin'ireo firenena hafa rehetra izay nitondran'i Yaveh Andriamanitrao anao, [2]ary rehefa miverina amin'i Yaveh Andriamanitrao ianao ka makanto ny feony, manaraka izay rehetra handidiako anao izao— ianao sy ireo zanakao— amin'ny fonao manontolo sy amin'ny fanahinao manontolo, [3]dia hanova ny fahababonao sy hanana famindram-po aminao i Yaveh Andriamanitrao; hiverina izy ary hanangona anao amin'ireo olona rehetra izay naparitak'i Yaveh Andriamanitrao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Raha misy iray amin'ireo olonao natao sesitany any amin'ireo toerana lavitra indrindra ambanin'ny lanitra, any amin'izany no hanangonan'i Yaveh Andriamanitrao anao, ary any amin'izany no hitondrany anao. [5]Yaveh Andriamanitrao hitondra anao amin'ny tany izay nananan'ny razambenao, ka ho lasa fanananao indray izany; hanao soa anao izy ary hampitombo anao mihoatra noho ny nataony tamin'ireo razambenao.
[6]Ho forain'i Yaveh Andriamanitrao ny fonao sy ny fon'ireo taranakao, ka ho tiavinao amin'ny fonao manontolo sy amin'ny fanahinao manontolo i Yaveh Andriamanitrao, mba ho velona ianao. [7]Yaveh Andriamanitrao dia hametraka ireo ozona rehetra ireo eo amin'ireo fahavalonao sy eo amin'ireo mankahala anao, ireo izay nanenjika anao. [8]Hiverina sy hankato ny feon'i Yaveh ianao, ary hanao ireo didiny rehetra izay handidiako anao izao.
[9]Hampahomby anao i Yaveh Andriamanitrao amin'ny asan'ny tananao rehetra, amin'ny vokatry ny tenanao, sy amin'ny vokatry ny biby fiompinao, ary amin'ny vokatry ny taninao, ho fandrosoana; fa i Yaveh hifaly aminao indray nohon'ny fandrosoana, toy ny nifaliany tamin'ireo rainao. [10]Hanao izany izy raha hankato ny feon'i Yaveh Andriamanitrao ianao, mba hitandrina ireo didiny sy ireo fitsipika izay voasoratra tao amin'izany bokin'ny lalàna izany, raha miverina amin'i Yaveh Andriamanitrao ianao amin'ny fon sy fanahinao manontolo.
[11]Fa ity didy izay handidiako anao izao ity dia tsy mafy loatra aminao, na lavitra loatra ny hanakaranao azy. [12]Tsy any an-danitra izany, ka tokony hiteny ianao hoe: 'Iza no hiakatra any an-danitra ho antsika sy hitondra izany midina aty amintsika ary manome fahafahana antsika handre izany, mba hanaovantsika izany?'
[13]Tsy any ampitan-dranomasina izany, ka tokony hiteny ianao hoe: 'Iza no hiampita ny ranomasina ho antsika sy hitondra izany amintsika ary mampandre izany antsika, mba hanaovantsika izany?' [14]Fa efa akaikinao ny teny, ao amin'ny vavanao sy ny fonao, mba hahafahanao manao izany.
[15]Indro, nataoko teo anoloanao ny fiainana sy ny tsara, ary ny fahafatesana sy ratsy ankehitriny. [16]Raha mankato ireo didin'i Yaveh Andriamanitrao ianao, izay handidiako anao ankehitriny mba hitia an'i Yaveh Andriamanitrao, handeha amin'ireo lalany, ary hitandrina ireo didiny, ireo fitsipiny, sy ireo lalàny, dia ho velona sy hitombo ianao, ary Yaveh Andriamanitrao hitahy anao any amin'ny tany izay hidiranao ho fanananao.
[17]Fa raha mivily lalana ny fonao, ary tsy mihaino ianao fa kosa voasarika lavitra sy miankohoka amin'ireo andriamanitra hafa ary manompo azy ireo, [18]dia ambarako anao ankehitriny fa ho faty ianao; tsy hanalava ireo andronareo ianareo any amin'ny tany izay hitànao an'i Jordana mba hidirana sy ho fananana.
[19]Miantso ny lanitra sy tany aho mba ho vavolombelona manohitra anao ankehitriny izay efa napetrako teo anoloanao dia ny fiainana sy ny fahafatesana, ireo fitahiana sy ireo ozona; noho izany fidio ny fiainana mba ho velona, ianao sy ireo taranakao. [20]Ataovy izany mba ho fitiavana an'i Yaveh Andriamanitrao, mba hankatoavana ny feony, ary hifikirana aminy. Satria Izy no fiainanao sy halavan'ireo andronao; ataovy izany mba hiainanao any amin'ny tany izay nianianan'i Yaveh tamin'ireo razambenao, tamin'i Abrahama, Isaka, sy i Jakoba mba homena azy ireo."

31 [1]Mosesy nandeha ary niteny ireo teny ireo tamin'i Israely rehetra. [2]Hoy izy tamin'izy ireo: "Roapolo amby zato taona aho ankehitriny; tsy afaka mandeha mivoaka sy miditra intsony aho; hoy Yaveh tamiko hoe: 'Tsy hita an'i Jordana ianao.' [3]Yaveh Andriamanitrao, dia handeha manoloana anao; hamotika ireo firenena eo anoloanao Izy, ka ho azonao ireny. Josoa, handeha eo anoloanao izy, araka izay nolazain'i Yaveh.
[4]Yaveh dia hanao amin'izy ireny toy izay nataony tamin'i Sihona sy Oga, mpanjakan'ireo Amorita, sy amin'ireo tanin'izy ireo, izay nosimbainy. [5]Yaveh dia hanome fandresenareo azy ireo rehefa miady ianareo, ka hanao izay rehetra nandidiako anareo amin'izy ireo ianareo. [6]Matanjaha ary mahereza tsara, aza matahotra, ary aza raiki-tahotra azy ireo; satria Yaveh Andriamanitrao, Izy izay mandeha miaraka aminao; tsy hanary anao na koa hahafoy anao Izy."
[7]Niantso an'i Josoa i Mosesy ary niteny taminy teo imason'Israely rehetra hoe: "Matanjaha ary mahereza tsara, satria handeha hiaraka amin'ireo vahoaka ireo any amin'ny tany izay nampanantenain'i Yaveh tamin'ny razan'izy ireo fa homeny azy ireo ianao; hahatonga azy ireo handova izany ianao. [8]Yaveh, Izy no handeha eo anoloanao; hiaraka aminao Izy; tsy hanary anao na hahafoy anao Izy; aza matahotra, aza kivy."
[9]Nanoratra izany lalàna izany i Mosesy ary nanome izany an'ireo mpisorona, ireo zanak'i Levy, izay nitondra ny fiaran'ny faneken'i Yaveh; nanome dika mitovy amin'izany an'ireo loholon'Israely rehetra ihany koa izy. [10]Nandidy azy ireo Mosesy ary niteny hoe: "Isaky ny faran'ny fito taona, amin'ny fotoana voatondro amin'ny fanafoanana ireo trosa, mandritry ny Firavoravoan'ny Fialofana, [11]rehefa tonga hiseho eo anatrehan'i Yaveh Andriamanitrao eo amin'ny toerana izay safidiany ho fitoerany masina ny Israely rehetra, dia hamaky io lalàna io manoloana an'Israely rehetra eo an-tsofin'izy ireo ianao.
[12]Vorio ny olona, ny lehilahy, ny vehivavy, ny zaza, ary ny vahininao izay ao amin'ny vavahadin'ny tanànanao, mba ho afaka handre sy hianatra izy ireo, ary mba ho afaka hanome voninahitra an'i Yaveh Andriamanitrareo sy hitandrina ny teny rehetra amin'io lalàna io izy ireo. [13]Ataovy izany mba ho afaka handre sy hianatra hanome voninahitra an'i Yaveh Andriamanitrareo, ny zanak'izy ireo, izay tsy mahafantatra, raha mbola mipetraka ao amin'ny tany izay hitànareo ho any Jordana ho fananananareo ianareo.
[14]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy hoe: "Indro, ho avy ny andro izay tsy maintsy hahafatesanao; antsoy Josoa ary manolora tena ao amin'ny lay fihaonana, mba hahafahako manome baiko azy." Dia nandeha Mosesy sy Josoa ary nanolotra ny tenan'izy ireo tao amin'ny lay fihaonana. [15]Niseho tao amin'ny lay tamin'ny andry rahona i Yaveh; ny andrin-drahona nitsangana teo amin'ny varavaran'ny lay.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Hoy Yaveh tamin'i Mosesy: "Indro, hiara-handry amin'ireo razanao ianao; io vahoaka io dia hitsangana ka hanao tahaka ny mpijangajanga manaraka andriamanitra hafa izay eo amin'izy ireo ao amin'ny tany izay handehanan'izy ireo. Hahafoy Ahy izy ireo ary handrava ny fanekeko izay nataoko tamin'izy ireo.
[17]Ary, amin'io andro io, dia hirehitra amin'izy ireo ny hatezerako ary handao azy ireo Aho. Hanafina ny tavako amin'izy ireo Aho ka ho levona izy ireo. Aretina maro sy korontana no ho hitan'izy ireo mba hiteny toy izao izy ireo amin'io andro io hoe: 'Tsy tonga eto anivontsika ve ireo aretina ireo satria tsy eto afovoantsika ny Andriamanitsika?' [18]Hanafina ny tavako amin'izy ireo tokoa Aho amin'io andro io nohon'ny ratsy rehetra izay nataon'izy ireo, satria nitodika tany amin'ireo andriamani-kafa izy ireo.
[19]Ankehitriny ary dia soraty ho an'ny tenanareo ity hira ity ary ampianaro ny vahoakan'Israely izany. Ataovy ao ambavan'izy ireo izany, ka mety ho fijoroana vavolombelona ho Ahy amin'ireo vahoakan'Israely izany hira izany. [20]Satria rehefa hitondra azy ireo any amin'ny tany izay nampanantenaiko homena ireo razamben'izy ireo Aho, tany izay tondra-dronono sy tantely, ary rehefa avy nihinana ka voky sy afa-po izy ireo, dia hitodika any amin'ireo andriamani-kafa sy hanompo azy ireo ary hanao tsinontsinona Ahy sy handrava ny fanekeko.
[21]Rehefa tonga eo anivon'io vahoaka io ny ratsy sy ny korontana maro, dia ho vavolombelona eo anatrehan'izy ireo io hira io (satria tsy ho adino eo ambavan'ireo taranak'izy ireo izany). Satria fantatro ny tetikasa izay foronin'izy ireo ankehitriny, na dia nentiko tany amin'ny tany izay nampanantenaiko azy ireo aza izy ireo."
[22]Noho izany dia nanoratra io hira io tamin'io andro io ihany i Mosesy ary nampianatra izany an'ireo vahoakan'Israely.
[23]Nanome didy an'i Josoa zanaka lahin'i Nona i Yaveh nanao hoe: "Matanjaha ary mahereza tsara; satria ianao no hitondra ny vahoakan'Israely ao amin'ny tany izay nampanantenaiko azy ireo, ary hiaraka aminao Aho."
[24]Izao no niseho rehefa nahavita nanoratra ireo tenin'ny lalàna tao anaty boky i Mosesy, [25]fa handidy an'ireo Levita izay mitondra ny fiaran'ny faneken'i Yaveh izy, manao hoe: [26]"Raiso ity bokin'ny lalàna ity ary apetraho eo ankilan'ny fiaran'ny faneken'i Yaveh Andriamanitrareo, mba ho eo tahaka ny vavolombelona manohitra anao izany.
[27]Satria fantatro ny fikomianareo sy ny fahamafisan-dohanareo; indro, raha mbola velona miaraka aminareo aho androany, dia mpikomy manohitra an'i Yaveh ianareo; mainka fa rehefa maty aho? [28]Vorio eto amiko ireo loholon'ny fokonareo rehetra, sy ireo manam-boninahitra, mba hahafahako miteny ireo teny ireo eo an-tsofin'izy ireo sy miantso ny lanitra sy ny tany ho vavolombelona manohitra azy ireo. [29]Satria fantatro fa aorian'ny hahafatesako ianareo dia hamitaka ny tenanareo tokoa ka hiala amin'ny lalana izay nandidiako anareo; ho avy aminareo ny aretina amin'ny andro manaraka izany. Hiseho izany satria hanao izay ratsy eo imason'i Yaveh ianareo, izay hahatonga Azy ho tezitra amin'ireo asan'ny tananareo."
[30]Dia nolazain'i Mosesy teo an-tsofin'ireo vahoakan'Israely rehetra ny tonon'izany hira izany mandrapa-tapitrany.

32 [1]Mihainoa, ry lanitra, ary avelao aho hiteny. Aoka ny tany hihaino ny tenin'ny vavako. [2]Aoka ny fampianarako hilatsaka toy ny ranon'orana, aoka ny teny halahatro hiraraka toy ny ando, ho toy orana manify amin'ny ahi-maitso, sy ho toy ny oram-be amin'ny zava-maniry.
[3]Fa hitory ny anaran'i Yaveh aho, ary hanaiky ny fahalehibiazan'ny Andriamanitsika. [4]Ilay Vatolampy, tanteraka ny asany; fa marina avokoa ny lalany rehetra. Izy ilay Andriamanitra mahatoky, izay tsy misy heloka. Marina sy mahitsy Izy.
[5]Nanao ratsy nanohitra azy izy ireo. Tsy mba zanany izy ireo. Fahafaham-baraka ho azy ireo izany. Taranaka simba toetra sy meloka izy ireo. [6]Izany ve no fomba hamalianao fitia an'i Yaveh, ry vahoaka adala sy tsy misy saina? Tsy rainao ve izy, ilay iray izay nahary anao? Nanao sy nanorina anao Izy.
[7]Avereno ao an-tsainao ireo andron'ny fotoana fahiny, saino ny taona maro efa lasa. Anontanio ny rainao ary dia hasehony anao, ireo loholonao ary dia ho lazain'izy ireo aminao. [8]Tamin'ny nanomezan'Ilay Avo Indrindra an'ireo firenena ny lovan'izy ireo—tamin'ny nizarany ny olombelona rehetra, ary ny nametrahany ny faritanin'ny vahoaka, ary ny namerany ny isan'ireo andriamaniny ihany koa.
[9]Fa ny anjaran'i Yaveh dia ireo vahoakany; Jakoba no zara lovany. [10]Hitany tany amin'ny tany efitra izy, sy tany amin'ny tany efitra lao sy tsy mamokatra; niaro sy nikarakara azy Izy, niambina azy toy ny anakandriamasony Izy.
[11]Toy ny voromahery izay miambina ny ankaniny sy manidintsidina eo ambonin'ireo zanany, namelatra ny elany Yaveh ary naka azy ireo, ary nentiny teny ambonin'ny elany izy ireo. [12]Yaveh irery no nitarika azy; tsy nisy andriamani-kafa niaraka taminy.
[13]Nampandeha azy teny amin'ireo toerana avon'ny tany Izy, ary namahana azy ny vokatry ny saha; namelona azy tamin'ny tantely avy amin'ny vatolampy izy, ary menaka tamin'ny harambato afovato.
[14]Nihinana hero-dronono avy amin'ny omby sy nisotro ronono avy amin'ireo ondry aman'osy izy, niaraka tamin'ny tavin'ny zanak'ondry, ondry lahin'ny Basana sy ireo osy lahy, niaraka tamin'ny varim-bazaha tsara indrindra— ary nisotro divay mandroatra avy tamin'ny ranom-boaloboka ianao.
[15]Fa nihanatavy Jesorona ka nitsipaka— nihanatavy ianao, tena natavy loatra ianao, ary nihinana izay nahavoky anao— nahafoy an'Andriamanitra izay nanao azy izy, ary nolaviny ny Vatolampin'ny famonjeny. [16]Nanai izay nahasaro-piaro an'i Yaveh tamin'ireo andriamanin-kafa izy ireo; tamin'ireo zava-betavetany no nampahatezerany azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Nanao sorona tamin'ny demonia izy ireo, izay tsy Andriamanitra— andriamanitra izay tsy fantatr'izy ireo, andriamanitra izay vao niseho, andriamanitra izay tsy natahoran'ireo razambenareo. [18]Nataonao foana ny Vatolampy, izay efa tonga rainao, ary nohadinoinao ilay Andriamanitra izay niteraka anao.
[19]Hitan'i Yaveh izany ka nafoiny izy ireo, satria nihantsy Azy ny zanany lahy sy vavy. [20]Hoy Izy hoe: "hanafina ny tavako amin'izy ireo Aho," "ary ho hitako eo izay hiafaran'izy ireo; fa taranaka mpivadika izy ireo, zanaka izay tsy mahatoky.
[21]Nanao izay nahasaro-piaro Ahy tamin'izay tsy andriamanitra izy ireo ary nampahatezitra ahy tamin'ireo zava-poany. Izaho hampialona azy ireo amin'izay tsy vahoaka; hampahatezitra azy ireo amin'ny firenena adala Aho.
[22]Fa nirehitra ny afo nohon'ny fahatezerako ary mandoro hatrany amin'ny fiainan-tsy-hita ambany indrindra; mandevona ny tany sy ny vokatra ao aminy izany; mampirehitra ireo fototry ny tendrombohitra izany.
[23]Hampivangongo loza eo amin'izy ireo Aho; hitifitra azy ireo amin'ny zana-tsipìkako rehetra Aho; [24]Ho fatin'ny hanoanana izy ireo ary ho levonin'ny hafanana mahamay sy fandravana mafaitra; Halefako ho eo amin'izy ireo koa ny nifin'ireo bibidia, miaraka amin'ny poizin'ny biby mandady amin'ny vovoka.
[25]Hampahory any ivelany ny sabatra, ary hanao tahaka izany koa ny fampihorohoroana ao amin'ny efitra fatoriana. Handringana ny tovolahy sy ny virijiny izany, ny zaza minono, ary ny lehilahy fotsy volo. [26]Fa efa nolazaiko fa hampiely azy ireo lavitra Aho, ary hatsahatro tsy ho eo amin'ny olombelona ny fahatsiarovana azy ireo.
[27]Raha tsy nohon'ny fahatahorako ny fiantsian'ny fahavalo, sy ny tsy hitsaran'ireo fahavalony azy ireo diso, ka hitenenan'izy ireo hoe: 'Misandratra ny tananay,' dia nataoko avokoa ireo rehetra ireo.
[28]Fa firenena tsy hahitam-pahendrena Israely, ary tsy misy fahazavan-tsaina ao aminy. [29]Indrisy, raha mba hendry izy ireo, ka afaka nahatakatra izany, ka afaka nandinika izay hiafarany!
[30]Ataon'ny iray ahoana ny hanenjika arivo, na ny roa hampandositra iray alina, raha tsy ny Vatolampiny no efa nivarotra azy, ary Yaveh no efa nahafoy azy ireo? [31]Fa ny vatolampin'ireo fahavalontsika dia tsy mitovy amin'ny Vatolampintsika, araka izay efa eken'ny fahavalontsika.
[32]Fa ny voalobony dia avy amin'ny voalobok'i Sodoma, ary avy amin'ireo sahan'i Gomora; voaloboka misy poizina ny voalobony; ary mangidy ireo sampany.
[33]Poizin'ny menarana ny divain'izy ireo ary poizi-mandozaben'ny menarana. [34]Tsy fikasana miafina notehiriziko ve izany, voaisy tombo-kase tao an-trano fitoeran-drakitro?
[35]Ahy ny famaliana, sy ny fampanodiavana, amin'ny fotoana hahasolafaka ny tongotr'izy ireo; fa antomotra ny andro hahitan'izy ireo loza, ary hitranga faingana ireo zavatra voatendry ho azy ireo"
[36]Satria Yaveh dia hanome rariny ny olony, ary hamindra fo amin'ireo mpanompony Izy. Ho hitany fa tsy manan-kery izy ireo, ary tsy nisy tafajanona, na ireo andevo na ny olon'afaka.
[37]Dia hiteny Izy hoe: "aiza ireo andriamaniny, ny vatolampy izay nialofan'izy ireo? — [38]Ireo andriamanitra izay nihinana ny tavin'ireo sorona nataony sy nisotro ny divaim-panatitra ahidin'izy ireo? Aoka izy ireo hitsangana ka hanampy anareo; aoka izy ireo ho fiarovanareo.
[39]Jereo ankehitriny fa Izaho, dia Izaho, ihany no Andriamanitra, ary tsy misy andriamanitra afa-tsy Izaho; Izaho no mahafaty, ary Izaho no mahavelona; Izaho no mandratra, ary Izaho no manasitrana, ary tsy misy hafa afaka hamonjy anao amin'ny heriko. [40]Eny manandratra ny tanako ho amin'ny lanitra Aho ary miteny hoe: 'Satria velona mandrakizay Aho, dia hiasa.
[41]Rehefa mandranitra ny sabatro manjelatra Aho, ary rehefa manomboka mitondra ny rariny ny tanako, dia hamaly ireo fahavaloko Aho, ary hovaliako ireo izay nankahala Ahy.
[42]Hataoko mamon-drà ny zana-tsipìkako, ary ny sabatro hihinana nofo miaraka amin'ny ràn'ireo voavono sy ireo babo, ary hatramin'ny lohan'ireo mpitarika ny fahavalo.'"
[43]Miravoravoa, ianareo ry firenena, miaraka amin'ny vahoakan'Andriamanitra, fa hamaly ny ràn'ny mpanompony Izy; hamaly faty ireo fahavalony Izy, fa hanao fanavotana ho an'ny taniny Izy, dia ho an'ny olony.
[44]Ary tonga Mosesy ka nitanisa ny teny rehetran'izany fihirana izany teo an-tsofin'ireo vahoaka, izy, sy Hosea zanaka lahin'i Nona. [45]Ary tapitra voatanisan'i Mosesy tamin'Israely manontolo izany teny rehetra izany.
[46]Ary hoy Izy tamin'izy ireo: 'Hafantohy ao an-tsainareo ireo teny rehetra izay nijoroako vavolombelona taminareo androany, mba handidianareo ny zanakareo hitandrina an'izany, ny teny rehetra an'ity lalana ity. [47]Fa tsy zava-poana ho anareo izany, satria fiainanareo, fa amin'izany zavatra izany no hahalava ny andronao amin'ilay tany izay hiampitanao an'i Jordana ho fanananao."
[48]Niresaka tamin'i Mosesy Yaveh tamin'io andro io ihany ka niteny hoe: [49]"'Mandehana miakatra amin'ireo tendrombohotr'i Abarima, miakatra hatrany an-tendrombohitra Nebo, izay any amin'ny tanin'i Moaba, tandrifin'i Jeriko. Hitazana ny tany Kanana, izay homeko ireo zanak'Israely ho fananany ianao.
[50]Ho faty eo amin'ny tendrombohitra izay hiakaranao ianao, ary ho voahangona eo amin'ireo vahoakanao, tahaka ny nahafatesan'i Arona Israelita namanao tany an-tendrombohitra Hora ka nahangona teo amin'ireo vahoakany. [51]Izany no hiseho satria ianao dia tsy nahatoky Ahy teo anatrehan'ireo vahoakan'Israely tany amin'ny ranon'i Meriba tany Kadesy, tany an'efitr'i Zina; satria ianao tsy nitondra Ahy tamim-boninahitra sy tamim-panajana teo anatrehan'ireo vahoakan'Israely. [52]Fa ho hitanao eo anoloanao ny tany, kanefa tsy handeha any ianao, any amin'ny tany izay homeko ny vahoakan'Israely."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

33 [1]Izao no tso-drano nataon'i Mosesy lehilahin'Andriamanitra tamin'ny vahoakan'Israely talohan'ny nahafatesany. [2]Hoy izy hoe: Avy tao Sinay i Yaveh ary niposaka avy tao Seira teo ambonin'izy ireo. Namirapiratra avy ao an-tendrombohitra Parana Izy, ary tonga niaraka tamin'ireo anjely masina iray alina. Tselatra no teo an-tanany havanana.
[3]Eny, tia an'ireo vahoaka Izy, ireo anjeliny masina rehetra dia eo an-tananao avokoa, ary miankohoka eo an-tongotrao izy ireo; nandray ny teninao izy ireo. [4]Nandidy lalàna iray ho antsika i Mosesy, dia lova iray ho an'ny fiangonan'i Jakoba
[5]Dia nisy mpanjaka tao Jesorona, rehefa nivory ireo loholon'ny vahoaka, ireo fokon'i Israely rehetra miaraka. [6]Aoka ho velona Robena ka tsy ho faty, nefa ho vitsy anie ireo olony.
[7]Izao no tso-drano ho an'i Joda. Hoy Mosesy hoe: Henoy, ry Yaveh, ny feon'i Joda, ka ento eo amin'ny olony indray izy. Miadià ho azy; meteza ho fanampiana manohitra an'ireo fahavalony.
[8]Momba an'i Levy kosa, dia hoy Mosesy hoe: Ny Tomimanao sy ny Orimanao dia an'ny olonao tsy mivadika, dia izay nizahanao toetra tao Masa, izay nifamalianao tao amin'ny ranon'i Meriba.
[9]Ilay lehilahy izay nilaza momba ny rainy sy ny reniny hoe: "Tsy nahita azy ireo aho." Tsy nekeny na dia ireo rahalahiny aza, ary tsy noheveriny ireo zanany. Fa nitandrina ny teninao izy, ka nitàna ny fanekenao.
[10]Nampianatra an'i Jakoba ny didinao Izy ary Israely ny lalànao. Hametraka dinti-kazo manitra eo anoloanao izy sy ny fanatitra dorana rehetra eo ambonin'ny alitaranao.
[11]Tahio, ry Yaveh, ireo fananany, ary ekeo ny asan'ny tanany. Torotoroy ny valahan'izay mitsangana hanohitra azy, sy ny an'ireo olona izay mankahala azy, mba tsy ho tafatsangana indray izy ireo.
[12]Ny amin'i Benjamina, dia hoy Mosesy hoe: Ilay malalan'i Yaveh dia mandry fahizay eo anilany; Yaveh no miaro azy mandrakariva, ary monina eo anelanelan'ny sandrin'i Yaveh izy.
[13]Ny amin'i Josefa, dia hoy Mosesy hoe: Ho tahin'i Yaveh anie amin'ireo zava-tsoan'ny lanitra anie ny taniny, dia amin'ny ando, ary amin'ny rano lalina izay mamitsaka ambany.
[14]Ho tahiana amin'ireo zava-tsoa izay vokatry ny masoandro anie ny taniny, amin'ireo zava-tsoa vokatr'ireo volana,
[15]amin'ireo zavatra tsara indrindran'ireo tendrombohitra fahagola, ary amin'ireo zava-tsoan'ireo havoana maharitra mandrakizay.
[16]Ho tahiana amin'ireo zava-tsoan'ny tany sy izay hareny anie ny taniny, ary amin'ny sitrapo tsaran'Izy izay tao amin'ilay voaroy. Aoka ny fitahiana ho eo an-dohan'i Josefa, ary ho eo an-tampon-dohan'ilay andriana teo amin'ireo rahalahiny.
[17]Ny voalohan-teraky ny omby, dia be voninahitra izy, ary ireo tandrony dia tandrok'ombimanga. Amin'izany no hanotoany ny olona, izy rehetra, hatrany am-paran'ny tany. Ireo no an'alinalin'i Efraima; ireo no an'arivorivon'i Manase.
[18]Ny amin'i Zebolona, dia hoy Mosesy hoe: Mifalia, ry zebolona, amin'izay halehanao, ary ianao, ry Isakara, ao an-dainao.
[19]Hiantso ireo vahoaka ho any an-tendrombohitra izy ireo. Any no hanateran'izy ireo fanati-pahamarinana. Fa izy ireo no hitroka ireo haren-dranomasina, sy avy amin'ny fasika eo amoron-dranomasina.
[20]Ny amin'i Gada dia hoy Mosesy hoe: Ho tahiana izay manitatra an'i Gada, honina any tahaka ny liona vavy izy, dia hamiravira sandry na loha eny izy.
[21]Naka ny tsara indrindra ho an'ny tenany izy, fa tany no nanokanana ny zara-tanin'ny mpitarika. Tonga niaraka tamin'ireo lehiben'ny vahoaka izy. Notanterahiny niaraka tamin'Israely ny fahamarinan'i Yaveh mbamin'ireo didiny.
[22]Ny amin'i Dana, dia hoy Mosesy hoe: i Dana dia zana-diona izay miantsampy avy any Basana.
[23]Ny amin'i Naftaly, dia hoy Mosesy hoe: i Naftaly, voky fankasitrahana, sady feno ny fitahian'i Yaveh, mandovà ny tany hatrany andrefana sy atsimo.
[24]Ny amin'i Asera, dia hoy Yaveh hoe: Ho tahiana mihoatra noho ny zanaka lahy hafa rehetra anie Asera; aoka ho hankasitrahan'ireo rahalahiny izy, ary aoka izy hanatsoboka ny tongony anaty menaka oliva. [25]Ho vy sy varahina anie ireo hidin'ny tanànanao; araka ny fahalavan'ireo andronao, no ho fahamaroan'ny filaminanao.
[26]Ry Jesorona—ilay mahitsy, tsy misy tahaka an'Andriamanitra, izay mitaingina ny lanitra mba hamonjy anao, ary eny amin'ny rahona amin'ny fiandrianany.
[27]Ilay Andriamanitra mandrakizay dia fialofana, ary ireo sandry mandrakizay no eo ambany. Mandroaka ny fahavalo tsy ho eo anoloanao Izy, ka manao hoe: "Aringano!"
[28]Mandry fahizay Israely. Azo antoka ny loharanon'i Jakoba ao amin'ny tany misy vary sy divay vaovao; eny, aoka ny lanitrany handatsaka ando eo aminy.
[29]Maro ireo fitahianao, ry Israely! Iza no tahaka anao, dia firenena voavonjin'i Yaveh, ilay ampingan'ny famonjenao, ary sabatry ny voninahitrao? Ho tonga hangovitra eo anoloanao ireo fahavalonao; dia hitsahinao ireo fitoerany avo.

34 [1]Dia niakatra avy any amin'ny tany lemak'i Moaba nankany amin'ny Tendrombohitra Nebo, nankany an-tampon'i Pisga, izay tandrifin'i Jeriko i Mosesy. Tany Yaveh no nampiseho taminy ny tanin'i Gileada rehetra ka hatrany Dana,
[2]sy Naftaly rehetra, ary ny tanin'i Efraima sy Manase, sy ny tanin'i Joda rehetra, mankany amin'ny ranomasina andrefana,
[3]sy any Negeva, ary ny tany lemaky ny lohasahan'i Jeriko, ny Tanànan'ny Rofia, ka hatrany Zoara.
[4]Hoy Yaveh taminy hoe: "Ity ny tany izay nianianako tamin'i Abrahama, Isaka, sy Jakoba, nanao hoe: 'Homeko ny taranakareo ity.' Navelako hijery izany tamin'ny masonareo ianareo, saingy tsy handeha any." [5]Ary dia maty tao amin'ny tanin'i Moaba i Mosesy, araka ny teny nampanantenain'i Yaveh. [6]Nalevin'i Yaveh tao amin'ny lohasaha ao amin'ny tanin'i Moaba manandrify an'i Beti- peora izy, fa tsy nisy nahalala izay misy ny fasany mandrak'ankehitriny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Roapolo amby zato taona i Mosesy tamin'izy maty; tsy pahina ny masony, na nihena ny hery voajanahariny. [8]Nisaona an'i Mosesy tany amin'ny tany lemak'i Moaba nandritry ny telopolo andro ny vahoakan'Israely, avy eo tapitra ireo andro fisaonana an'i Mosesy.
[9]Feno ny fanahin'ny fahendrena i Josoa zanaka lahin'i Nona, satria nametra-tanana taminy Mosesy. Nihaino azy ny vahoakan'Israely ary nanao izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy.
[10]Tsy nisy mpaminany tahaka an'i Mosesy mihitsy tao Israely, izay fantatr'i Yaveh nifanatrika taminy. [11]Tsy mbola nisy mpaminany toa azy tamin'ireo famantarana sy fahagagana rehetra izay nanirahan'i Yaveh azy mba hatao any amin'ny tany Egypta, any amin'i Farao, sy ireo mpanompony rehetra, ary any amin'ny taniny rehetra. [12]Tsy mbola nisy mpaminany tahaka azy amin'ny asa lehibe rehetra sy mampatahotra izay nataon'i Mosesy teo imason'Israely rehetra.

Josoa

1 [1]Ary taorian'ny nahafatesan'i Mosesy mpanompon'i Yaveh, dia niresaka tamin'i Josoa zanak'i Nona i Yaveh, lehiben'ny mpanampin'i Mosesy, niteny hoe: [2]"Mosesy, ilay mpanompoko, dia efa maty. Ankehitriny ary, mitsangàna, mità an'ity Jordana ity, ianao sy ity vahoaka ity, ho any amin'ilay tany izay homeko azy ireo—dia ho an'ireo vahoakan'Israely. [3]Efa nomeko anao ireo toerana rehetra izay handehanan'ny tongotrareo. Efa nomeko anareo izany, araka ny efa nampanantenaiko an'i Mosesy.
[4]Hatrany any an-tany efitra sy Libanona, sy ireo renirano lehibe, ny Eofrata, ny tanin'ny Hetita rehetra, ka hatrany amin'ny Ranomasina Lehibe, izay hilentehan'ny masoandro, dia ho taninareo. [5]Tsy hisy olona ho afa-mijoro eo anoloanao amin'ireo androm-piainanao. Homba anao Aho tahaka ny nombako an'i Mosesy. Tsy hanary anao Aho na handao anao.
[6]Mahereza sy matanjaha. Fa ianao dia hampandova an'ity vahoaka ity ny tany izay efa nampanantenaiko ireo razanao fa homeko azy ireo. [7]Mahereza sy matanjaha. Mitandrema mba hankatò ny lalàna rehetra izay nandidian'i Mosesy mpanompoko. Aza miala amin'izany na ho amin'ny anakavia na ho amin'ny ankavanana, mba hahomby ianao na aiza na aiza alehanao.
[8]Hilaza momba an'ity bokin'ny lalàna ity mandrakariva ianao. Hisaintsaina andro aman'alina amin'izany ianao mba hahafahanao mankatò izay rehetra voasoratra ao amin'izany. Dia ho ambinina sy hahomby ianao. [9]Moa ve tsy efa nandidy anao Aho? Mahereza sy matanjaha! Aza matahotra. Aza kivy. Yaveh Andriamanitrao dia homba anao na aiza na aiza alehanao."
[10]Avy Josoa nandidy ilay mpitarika ny vahoaka hoe: [11]"Mandehana mamakivaky ny toby ary mibaikoa ireo vahoaka hoe: 'Manomana vatsy ho an'ny tenanareo. Afaka hateloana dia hiampita an'ity Jordana ity ianareo ary handeha any ka haka ireo tany izay omen'i Yaveh Andrimanitrareo ho fananana."
[12]Ho an'ireo Robenita, ireo Gadita sy ny atsasaky ny fokon'i Manase, dia hoy i Josoa hoe: [13]"Ataovy an-tsaina ny teny izay nandidian'i Mosesy mpanompon'i Yaveh anareo rehefa niteny izy hoe: 'Yaveh Andriamanitrareo dia efa nanome fitsaharana, ary omeny anareo izany tany izany.'
[14]Ny vadinareo, ireo zaza madinikareo, sy ireo biby fiompinareo dia hitoetra any amin'ny tany izay nomen'i Mosesy anareo any an-dafin'i Jordana. Fa ireo lehilahy mpiadinareo dia handeha hiaraka amin'ireo rahalahinareo ary hanampy azy ireo [15]mandra-panomezan'i Yaveh fitsaharana ho an'ireo rahalahinareo toy ny efa nanomezany izany anareo. Ary izy ireo dia haka ho fananana ny tany izay nomen'i Yaveh Andriamanitrareo azy ireo. Avy eo dia hiverina any amin'ny taninareo ianareo ary haka izany ho fananana, ilay tany izay nomen'i Mosesy mpanompon'i Yaveh anareo any an-dafin'i Jordana, izay hiposahan'ny masoandro."
[16]Avy eo izy ireo namaly an'i Josoa, nanao hoe: "Ireo rehetra izay nandidianao anay dia hataonay, ary na aiza na aiza anirahanao anay dia halehanay. [17]Hankatò anao izahay tahaka ny nankatoavanay an'i Mosesy. [18]Na iza na iza mikomy ireo didinao sy tsy mankatò ireo teninao dia vonoina ho faty. Mahereza ary manàna herim-po fotsiny ihany."

2 [1]Dia Josoa zanaka lahin'i Nona naniraka roa lahy mangingina avy any Sitima toy ny mpitsikilo. Hoy izy hoe: "Mandehana, zahao ny tany, indrindra fa Jeriko." Dia lasa izy ireo ary tonga tao an-tranon'ny mpivaro-tena iray antsoina hoe Rahaba, dia nipetraka tao izy ireo. [2]Nolazaina tamin'ny mpanjakan'i Jeriko hoe: "Indro, tonga eto ny lehilahin'Israely mba hitsikilo ny tany." [3]Dia nandefa hafatra tamin'i Rahaba ilay mpanjakan'i Jeriko ary nanao hoe: "Ento mivoaka ireo lehilahy izay tonga teo aminao sy niditra tao an-tranonao ireo, satria tonga mba hitsikilo ny tany iray manontolo izy ireo."
[4]Fa nalain-dravehivavy ireo roa lahy ka nafeniny. Namaly izy hoe: "Eny, tonga tato amiko ireo lehilahy, saingy tsy nahafantatra izay niavian'izy ireo aho. [5]Lasa izy ireo nony hariva, tamin'ny fotoana nihidian'ny vavahadin'ny tanàna. Tsy fantatro izay nalehan'izy ireo. Mety ho tratranao izy ireo raha manaraka faingana azy ireo ianao."
[6]Kanefa nampiakariny tao an-tafon-trano izy ireo ary nafeniny tao amin'ireo tahon-drongony izay efa novelariny teo amin'ilay tafon-trano. [7]Koa dia nanenjika azy ireo teny an-dalana nankany amin'ny lakan-dranon'ny Jordana ireo lehilahy. Vao tafavoaka ireo mpanenjika dia nihidy ny vavahady.
[8]Tsy mbola natory ireo lehilahy ny alina, rehefa tonga niakatra tao amin'izy ireo tao an-tafon-trano ilay vehivavy. [9]Hoy izy hoe: "Fantatro fa nomen'i Yaveh anareo ny tany ary tonga teto aminay ny tahotra anareo. Halemy eo anatrehanareo ireo rehetra mipetraka eto amin'ny tany.

[10]Renay ny fomba nanamainan'i Yaveh an'ilay Ranomasina Mena ho anareo rehefa nivoaka avy tao Egypta ianareo. Renay ihany koa ny nataonareo tamin'ireo mpanjakan'ny Amorita roa teny ampitan'i Jordana—dia Sihona sy Oga—izay naringanareo tanteraka. [11]Vantany vao renay izany, dia nalemy ny fonay ary tsy nisy herim-po tavela tao amin'iza na iza —fa Yaveh Andriamanitrareo, dia Andriamanitra any an-danitra ambony any sy ety an-tany ambany ety.
[12]Ankehitriny ary, mba ianiano amiko amin'ny alalan'i Yaveh re, halemy fanahy amin'ny ankohonan-draiko ianareo, araka ny hatsaram-panahiko taminareo ihany. Omeo famantarana azo antoka aho [13]fa hamindra fo amin'ny ain'ny raiko, ny reniko, ireo anadahiko, anabaviko, sy ny fianakaviany rehetra ianareo, ary hanavotra anay amin'ny fahafatesana."
[14]Dia hoy ireo lehilahy taminy hoe: "Ho takalo amin'ny ainareo ny ainay, na dia ho amin'ny fahafatesana aza! Raha tsy miresaka momban'ny raharahanay ianao, dia ho feno famindram-po sy hahatoky anareo izahay rehefa omen'i Yaveh anay ity tany ity."
[15]Dia namela azy ireo hidina hivoaka teo amin'ny varavaran-kely tamin'ny fampiasana tady izy. Niorina teo amin'ny mandan'ilay tanàna ilay trano izay nonenany. [16]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Mandehana eny amin'ny havoana ary miafena raha tsy izany ho hitan'ireo mpanenjika ianareo. Miafena any mandritra ny telo andro mandra-piverin'ireo mpanenjika. Avy eo dia tohizo ny lalanareo." [17]Hoy ireo lehilahy taminy hoe: "Tsy ho voafatotra amin'ny fampanantenan'ilay fianianana izay nasainao nianiananay izahay, raha toa ka tsy manao izao ianao.
[18]Rehefa tonga eto amin'ny tany izahay, dia tsy maintsy fatoranao eo am-baravarakely ity tady mena izay hampidinanao anay ity, ary hangoninao ato an-trano ny rainao sy ny reninao, ireo anadahinao sy ny ankohonan'ny rainao rehetra. [19]Na iza na iza mivoaka ny varavaran'ny tranonao ho eny an-dalna, dia ho eo an-dohan'izy ireo manokana ny ràny ary tsy ho meloka izahay. Fa raha misy tanana mitsotra eo amin'izay rehetra miaraka aminao ato an-trano, dia ho eo an-dohanay ny ràny.
[20]Fa raha miresaka momba ny raharahanay ianao, dia ho afaka amin'ilay fianianana izay nampianiananao anay izahay."
[21]Dia namaly Rahaba hoe: "Hatao anie izay voalazanareo." Nalefany izy ireo ka lasa. Avy eo namatotra ilay tady mena teo am-baravarankely izy.
[22]Lasa izy ireo ary nandeha niakatra tany amin'ireo havoana ka nijanona teny nandritra ny telo andro mandra-piverin'ireo mpanenjik'izy ireo. Nitady nanerana ny lalana rehetra ireo mpanenjika ary tsy nahita na inona na inona.
[23]Dia niverina ireo lehilahy roa ary niampita ka tafaverina tany amin'i Josoa zanak'i Nona, dia nolazain'izy ireo taminy ny zavatra rehetra izay nitranga tamin'izy ireo. [24]Hoy izy ireo tamin'i Josoa hoe: "Efa natolotr'i Yaveh antsika tokoa io tany io. Malemy avokoa ireo mponina rehetra ao amin'ilay tany noho ny amintsika."

3 [1]Nifoha maraina be i Josoa, ary dia niala tao Sitima izy ireo. Nankany Jordana izy ireo, izy sy ireo vahoakan'Israely rehetra, ary nitoby teo mialohan'ny niampitany.
[2]Afaka telo andro, ireo manam-pahefana dia nandeha teo afovoan'ny toby; [3]nandidy ny olona izy ireo hoe: "Rehefa mahita ny fiaran'ny fifaneken'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo, sy ireo mpisorona avy amin'ireo Levita milanja izany, dia aoka handao an'ity toerana ity ianareo ka hanaraka izany. [4]Aoka hisy elanelana roa arivo hakiho eo aminareo sy izany. Aza manakaiky izany, mba hahafahanareo mahita ny lalana aleha, satria mbola tsy nandeha tamin'io lalana io ianareo taloha."
[5]Hoy Josoa tamin'ny vahoaka hoe: "Hamasino ny tenanareo rahampitso, fa hanao fahagagana eo aminareo Yaveh." [6]Ary hoy Josoa tamin'ireo mpisorona hoe: "Ento ny fiaran'ny fifanekena, ary mandalova eo anoloan'ny olona." Koa dia nandray ny fiaran'ny fifanekena izy ireo ary nandeha teo anoloan'ny olona.
[7]Hoy Yaveh tamin'i Josoa hoe: "Izao anio izao dia ho ataoko lehilahy mahery eo imason'ny Israely rehetra ianao.
[8]Hahafantatra izy ireo fa tahaka ny nombako an'i Mosesy, no hombako anao. Ianao dia handidy ireo mpisorana izay milanja ny fiaran'ny fifanekena hoe: 'Rehefa tonga eny amoron'ny ranon'i Jordana ianareo, dia aoka ho tony eo amin'ny Reniranon'ny Jordana.'"
[9]Dia hoy Josoa tamin'ny olon'Israely hoe: "Mankanesa aty, ary henoy izao tenin'i Yaveh Andriamanitrareo izao. [10]Amin'ny alalan'ity no hahafantaranareo fa ny Andriamanitra velona dia eo aminareo ary handroaka ireo Kananita, ireo Hetita, ireo Hivita, ireo Perizita, ireo Girgasit, ireo Amorita ary ireo Jebosita tsy ho eo anoloanareo. [11]Indro! ny fiaran'ny fifaneken'ny Tompon'ny tany rehetra miampita eo alohanareo ho ao Jordana.
[12]Ankehitriny mifidiana olona roa ambin'ny folo avy amin'ny fokon'Israely, lehilahy iray avy amin'ny tsirairay. [13]Rehefa mikasika ny ranon'i Jordana ny faladian-tongotr'ireo mpisorona izay mitondra ny fiaran'i Yaveh, Tompon'ny tany rehetra, dia ho tapaka ny onin'i Jordana, ary na ny rano izay mikoriana avy any ambony aza dia hijanona hiangona ho iray."
[14]Koa rehefa niala mba hiampita an'i Jordana ireo olona, dia nandeha teo alohan'ireo olona ireo mpisorona izay nilanja ny fiaran'ny fifanekena. [15]Raha vao tonga teo Jordana ireo izay nilanja ny fiara, ary niroboka teo amoron'ny rano ny tongotr'izy ireo (ary ny ranon'i Jordana dia tondraka hatreny amin'ny sisiny rehetra nandritra ny fotoam-pijinjana), [16]ny rano izay nikoriana nidina avy any ambony dia nijanona ka niangona ho iray. Nitsahatra avy eny lavitra dia lavitra ny fikorian'ny rano. Nitsahatra nikoriana avy any Adama, ilay tanàna izay akaikin'i Zaretana, hatrany amin'ny lalana nidina nankany amin'ny ranomasin'i Negeva, ilay Ranomasina Sira, ny rano. Niampita nanakaiky an'i Jeriko ny vahoaka.
[17]Ireo mpisorona izay nitondra ny fiaran'ny fifaneken'i Yaveh dia nijanona teo amin'ny tany maina teo afovoan'ny Jordana mandram-pitan'ny olon'Israely rehetra teo amin'ny tany maina.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

4 [1]Rehefa tafita an'i Jordana ny olona rehetra, dia niteny tamin'i Josoa i Yaveh hoe: [2]"Misafidiana ianao lehilahy roa ambin'ny folo amin'ny vahoaka, lehilahy iray avy isaky ny foko. [3]Omeo azy ireo ity didy ity: 'Mangalà vato roa ambin'ny folo avy ao afovoan'ny Jordana izay ijoroan'ireo mpisorona eo amin'ny tany maina, ary ento manaraka anareo izany ary apetraho eo amin'ny toerana izay hatorianareo anio alina.'"
[4]Ary nantsoin'i Josoa ireo lehilahy roa ambin'ny folo izay efa nosafidiany teo amin'ireo fokon'Israely, iray isaky ny foko.
[5]Hoy Josoa tamin'izy ireo hoe: "Mandehana mialohan'ny fiaran'i Yaveh Andriamanitrareo ao afovoan'i Jordana. Hilanja vato eny amin'ny sorony avy ianareo tsirairay, araka ny isan'ireo fokon'ny vahoakan'Israely
[6]Izany dia ho famantarana eo aminareo rehefa hanontany anareo ny zanakareo amin'ireo andro ho avy hoe: 'Inona no dikan'ireo vato ireo aminareo?' [7]Ary hoy ianareo amin'izy ireo hoe: 'Novakiana teo anatrehan'ny fiaran'ny fifaneken'i Yaveh ny ranon'ny Jordana. Rehefa nandalo teo amin'i Jordana izany, dia vaky ny ranon'ny Jordana. Koa ho fahatsiarovana mandrakizay ho an'ny vahoakan'Israely ireo vato ireo.'"
[8]Ny vahoakan'Israely dia nanao araka izay nandidian'i Josoa azy, ka naka vato roa ambin'ny folo teo afovoan'ny Jordana izy ireo, araka ny nolazain'i Yaveh an'i Josoa. Nampiakarin'izy ireo araka ny isan'ireo fokon'i Israely ny isan'ireo vato. Nolanjain'izy ireo niaraka tamin'izy ireo ny vato, nankany amin'ny toerana izay nitobian'izy ireo ary napetrany teo ambany teo. [9]Avy eo Josoa nametraka vato roa ambin'ny folo teo afovoan'ny Reniranon'ny Jordana, teo amin'ny toerana izay nijoroan'ny tongotr'ireo mpisorona izay nitondra ny fiaran'ny fifanekena. Any izany fahatsiarovana izany mandrak'ankehitriny.
[10]Ireo mpisorona izay nilanja ny fiara dia nijoro teo afovoan'ny Jordana mandra-pahatanteraky ny zavatra rehetra nandidian'i Yaveh ho lazain'i Josoa tamin'ireo vahoaka, araka ireo rehetra efa nandidian'i Mosesy an'i Josoa. Niampita faingana ireo vahoaka. [11]Rehefa tapitra niampita daholo ny olona, dia niampita teo anoloan'ny vahoaka ny fiaran'i Yaveh sy ireo mpisorona.
[12]Ny fokon'i Robena, ny fokon'i Gada, ary ny atsasaky ny fokon'i Manase dia nandalo mialohan'ny nilaharan'ireo vahoakan'Israely toy ny miaramila, araka ny nolazain'i Mosesy tamin'izy ireo. [13]Lehilahy voaomana hiady tokony ho efatra arivo no nandalo teo anoloan'i Yaveh, mba hiady eny amin'ny tany lemak'i Jeriko. [14]Tamin'io andro io dia nataon'Andriamanitra lehibe teo imason'ny vahoakan'Israely rehetra i Josoa. Nanome voninahitra azy izy ireo—tahaka ny nanomezan'izy ireo voninahitra an'i Mosesy—nandritra ny androm-piainany.
[15]Ary niresaka tamin'i Josoa i Yaveh hoe: [16]"Omeo baiko ireo mpisorona izay nilanja ny fiaran'ny vavolombelona mba hiala avy ao Jordana."
[17]Koa dia nanome baiko ireo mpisorona i Josoa hoe: "Mivoaha ao Jordana." [18]Rehefa nivoaka avy tao afovoan'ny Jordana ireo mpisorona nilanja ilay fiaran'ny fifaneken'i Yaveh, ary niakatra teny amin'ny tany maina ny faladian-tongotr'izy ireo, dia niverina tamin'ny toerany ary nihoatra ny morony ny ranon'ny Jordana, tahaka ny tamin'ny efatra andro mialoha.
[19]Nivoaka avy tao Jordana ireo vahoaka tamin'ny andro fahafolon'ny volana voalohany. Nijanona tao Gilgala izy ireo, atsinanan'ny Jeriko. [20]Ireo vato roa ambin'ny folo izay nalain'izy ireo avy tao Jordana, dia napetrak'i Josoa tao Gilgala.
[21]Hoy izy tamin'ireo vahoakan'Israely hoe: "Rehefa manontany an'ireo rainy ny taranakareo amin'ny fotoana ho avy hoe: 'Inona ireo vato ireo?'
[22]Teneno ny zanakareo hoe: 'Teo no niampitan'i Israely an'ny Jordana tamin'ny tany maina.' [23]Nohamainin'i Yaveh Andriamanitrareo ho anareo ny reniranon'ny Jordana, mandra-piampitanareo, tahaka ny nataon'i Yaveh Andriamanitrareo tamin'ilay Ranomasina Mena, izay nohamaininy ho antsika mandra-piampitantsika, [24]mba hahafantaran'ny olona rehetra eto an-tany fa mahery ny tanan'i Yaveh, ary mba hanomezanareo voninahitra an'i Yaveh Andriamanitrareo mandrakizay."

5 [1]Vantany vao ren'ireo mpanjakan'i Amorita rehetra tany amin'ny ilany atsinanan'i Jordana, sy ireo mpanjakan'i Kananita rehetra, izay nanamorona ny sisin'ny Ranomasina Lehibe, fa Yaveh dia efa nandritra ny ranon'ny Jordana mandra-pitan'ny vahoakan'Israely, dia nitsonika ny fon'izy ireo, ary tsy nisy fanahy intsony tao amin'izy ireo noho ireo vahoakan'Israely. [1]
[2]Tamin'izany fotoana izany dia hoy i Yaveh tamin'i Josoa hoe: "Manamboara antsy afovato ary forao indray mandeha ireo lahin'Israely rehetra." [3]Ary Josoa nanamboatra antsy afovato ka namora ireo lahin'Israely rehetra tao Gibeata Haralota.
[4]Izao no antony namoran'i Josoa azy ireo: ny lahy rehetra izay nivoaka an'i Egypta, anisan'izany ireo lehilahy mpiady rehetra, dia maty an-dalana tany an'efitra, taorian'ny nivoahan'izy ireo avy tany Egypta. [5]Na dia voafora avokoa aza ny lahy rehetra izay nivoaka an'i Egypta, dia mbola tsy nisy tamin'ireo zazalahy teraka an-dalana tany an'efitra nivoaka an'i Egypta no voafora.
[6]Fa ireo vahoakan'Israely dia nandeha efapolo taona tany an'efitra mandra-pahafaty ireo vahoaka rehetra, izany hoe, ny lehilahy mpiady rehetra izay nivoaka an'i Egypta, dia maty, satria tsy nankatoa ny feon'i Yaveh izy ireo. Nianiana tamin'izy ireo Yaveh fa tsy hamela azy ireo hahita ny tany izay nianianany tamin'ny razamben'izy ireo fa homeny azy ireo, dia tany tondra-dronono sy tantely. [7]Ny zanak'izy ireo no natsangan'i Yaveh teo amin'ny toeran'izy ireo izay namoran'i Josoa, satria tsy voafora teny an-dalana izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Rehefa voafora avokoa izy rehetra, dia nijanona tao amin'izay nitobiany izy ireo mandra-pahasitran'izy ireo. [9]Ary hoy i Yaveh tamin'i Josoa hoe: "Androany dia efa nanaisotra taminareo ny fahafaham-barakan'i Egypta Aho." Koa ny anaran'izany toerana izany dia nantsoina hoe Gilgala mandrak'androany.
[10]Nitoby tao Gilgala ny vahoakan'Israely. Notehirizin'izy ireo ho an'ny harivan'ny fahefatra ambin'ny folo andron'ny volan'ny Paska, teo amin'ny lemak'i Jeriko. [11]Nihinana ny sasany tamin'ny vokatry ny tany izy ireo taorian'ny Paska: mofo tsy misy masirasira, ary vary voaendy.
[12]Nitsahatra tamin'ny andro taorian'ny nihinanan'izy ireo ny vokatry ny tany ny mana. Tsy nisy mana ho an'ny vahoakan'Israely intsony, fa nihinana ny vokatry ny tany Kanana izy ireo tamin'izany taona izany.
[13]Rehefa teo akaikin'i Jeriko i Josoa, dia nanandratra ny masony ary nijery, ary indro, nisy lehilahy iray nijoro teo anoloany; notsoahiny ny sabany ary teny an-tanany izany. Nankeo aminy i Josoa ary niteny hoe: "Momba anay ianao sa momba ny fahavalonay?"
[14]Hoy izy: "Tsia. Satria mpibaiko ny tafik'i Yaveh aho. Tonga aho ankehitriny." Ary Josoa niankohoka tamin'ny tany mba hanompo ary niteny taminy hoe: "Inona no lazain'ny tompoko amin'ny mpanompony?" [15]Ny mpibaiko'ny tafik'i Yaveh niteny tamin'i Josoa hoe: "Esory amin'ny tongotrao ny kapanao, satria ny toerana izay ijoronao dia masina." Dia izany no nataon'i Josoa.

---

[a]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany ankehitriny dia misy hoe: "Mandra-pitan'ireo vahoakan'Israely," ary ny an'ny hafa dia misy hoe: "Mandra-pitan'izy ireo" Ny lahatsoratra Hebreo dia misy hoe "isika" fa ny fanamarihina eny amin'ny sisiny dia manoro-marika ny mpamaky hiteny hoe: "izy ireo"

---

6 [1]Ary nikatona avokoa ny fidirana rehetra nankao Jeriko noho ny tafik'Israely. Tsy nisy nivoaka ary tsy nisy niditra tao.
[2]Hoy Yaveh tamin'i Josoa hoe: "Indro, efa natolotro teo an-tananao Jeriko, ny mpanjakany, ary ireo miaramila voahomany.
[3]Aoka ianao hanao diabe manodidina ny tanàna, ny lehilahy mpiady no mandeha mihodidina ny tanàna indray mandeha. Aoka hanao izany mandritra ny enin'andro ianao. [4]Mpisorona fito no hitondra trompetra fito vita amin'ny tandrok'osy eo anoloan'ny fiara. Amin'ny andro fahafito dia tsy maintsy manao diabe manodidina ny tanàna impito ianareo, ary tsy maintsy mitsoka mafy ny trompetra ireo mpisorona.
[5]Avy eo dia tsy maintsy mampaneno trompetra lavareny amin'ny tandrok'osy izy ireo, ka rehefa mandre ny feon-trompetra ianao dia tsy maintsy mihorakoraka amin'ny hiaka mafy ny vahoaka rehetra, ary hirodana ny mandan'ny tanàna. Tsy maintsy hanafika ireo miaramila, ary hizotra amin'ny hitsiny avy ny tsirairay."
[6]Ary niantso an'ireo mpisorona i Josoa zanak'i Nona ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Ento ny fiaran'ny fifanekena, ary aoka hisy mpisorona fito hitondra trompetra tandrok'osy fito ho eo alohan'ny fiaran'ny fifaneken'i Yaveh." [7]Hoy izy tamin'ireo vahoaka hoe: "Mandehana ary manaova diabe manodidina ny tanàna, ary handeha eo alohan'ny fiaran'i Yaveh ireo lehilahy mitam-piadiana."
[8]Araka izay nolazain'i Josoa tamin'ny vahoaka, dia nitondra trompetra tandrok'osy fito teo anatrehan'i Yaveh ireo mpisorona fito. Raha nandroso iny izy ireo, dia nitsoka ny trompetra. Nanaraka azy ireo avy ao aoriana ny fiaran'ny fifaneken'i Yaveh. [9]Nisy lehilahy mitam-piadiana nandeha teo anoloan'ireo mpisorona, ary nitsoka ny trompetrany izy ireo, fa nandeha niakatra avy ao aorian'izy ireo kosa ireo mpiambina ny vodi-lalana, ary nitsoka ny trompetran'izy ireo hatrany ireo mpisorona.
[10]Fa Josoa nandidy an'ireo vahoaka, nanao hoe: "Aza mihiaka. Aoka tsy hisy feo hivoaka amin'ny vavanareo ambara-pahatonga ny andro ilazako aminareo mba hihiaka. Amin'izany ihany ianareo vao hihiaka." [11]Koa nataony nandeha nanodidina ny tanàna indray mandeha ny fiaran'i Yaveh tamin'io andro io. Ary dia niditra ny tobiny izy ireo, dia nitoetra tao an-toby nandritra ny alina.
[12]Dia nifoha maraim-be i Josoa, ary nalain'ireo mpisorona ny fiaran'i Yaveh. [13]Nandeha mafy ary nitsoka ny trompetra ireo mpisorona fito, izay nitondra an'ireo trompetra fito tandrok'osy teo alohan'ny fiaran'i Yaveh. Nisy miaramila mitam-piadiana nandeha teo alohan'izy ireo. Fa rehefa nandeha avy taorian'ny fiaran'i Yaveh ireo mpiandry vodi-lalana, dia namoaka feo tsy miato ireo trompetra. [14]Nanao diabe nanodidina ny tanàna indray mandeha izy ireo tamin'ny andro faharoa ary niverina tany an-toby. Nanao izany nandritra ny enin'andro izy ireo.
[15]Tamin'ny andro fahafito no niaingan'izy ireo vao mangiran-dratsy, ary nanao diabe nanodidina ny tanàna araka ny fomban'izy ireo ihany izy ireo, fa impito tamin'ity indray mitoraka ity. Tamin'io andro io no nanaovan'izy ireo diabe impito nanodidina ny tanàna. [16]Tamin'ny andro fahafito, tamin'ireo mpisorona nitsoka ireo trompetra tandrok'osy, no nandidian'i Josoa an'ireo vahoaka hoe: "Mihorakoraha! Fa efa nomen'i Yaveh anareo ny tanàna.
[17]Natokana ho an'i Yaveh ho fandravana ny tanàna sy izay rehetra ao aminy. Rahaba mpivaro-tena irery ihany no ho velona—izy sy ireo rehetra miaraka aminy ao an-tranony—satria nanafina ireo lehilahy nirahintsika izy. [18]Ny aminao kosa, miambena amin'ny fakàna ireo zavatra voatokana ho an'ny fandravana, mba tsy haka na inona na inona amin'izany ianao, rehefa avy nasianao marika ho ravana izany. Raha manao izany ianao, dia hahatonga ny tobin'Israely ho zavatra tsy maintsy ho ravana ka hitondra fikorontanana amin'izany. [19]Ireo volafotsy, volamena, ary ireo zavatra rehetra vita amin'ny varahina sy vy dia voatokana ho an'i Yaveh. Tsy maintsy halefa ao amin'ny fitoeran-drakitr'i Yaveh ireo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Rehefa nitsoka ny trompetra izy ireo, dia nihiakiaka mafy ny vahoaka ary nirodana ny manda, hany ka nihitsy niditra ny olon-drehetra ary nambabo ny tanàna. [21]Noringanin'izy ireo tamin'ny lelan-tsabatra tanteraka izay rehetra tao amin'ilay tanàna—ny lehilahy sy vehivavy, ny tanora sy antitra, ny omby, ny ondry ary ireo boriky.
[22]Avy eo dia hoy Josoa tamin'ireo lehilahy roa nitsikilo tao amin'ilay tany hoe: "Mandehana any an-tranon'ilay mpivaro-tena. Ento mivoaka ilay vehivavy sy ireo rehetra miaraka aminy, araka ny nianiananareo taminy."
[23]Koa dia niditra ary nitondra an'i Rahaba nivoaka ireo tovolahy roa mpitsikilo. Nentin'izy ireo nivoaka ny rainy, ny reniny, ireo anadahiny, ary ireo havany izay niaraka taminy. Nentin'izy ireo tany amin'ny toerana iray ivelan'ny tobin'Israely izy ireo. [24]Nodoran'izy ireo ny tanàna sy izay rehetra tao aminy. Ny volafotsy, volamena, ary ireo fitaovana vita amin'ny varahina sy vy ihany no natao tao anatin'ny fitoeran-drakitry ny tranon'i Yaveh.
[25]Fa navelan'i Josoa ho velona i Rahaba mpivaro-tena, ny ankohonan-drainy, ary ireo rehetra niaraka taminy. Mitoetra any Israely mandrak'ankehitriny izy satria nanafina ireo lehilahy izay nirahin'i Josoa hitsikilo tao Jeriko.
[26]Ary tamin'izany fotoana izany dia nandidy azy ireo tamin'ny fianianana i Josoa, ary niteny hoe: "Voaozona eo imason'i Yaveh anie izay olona mamerina manorina ity tanàna ity, dia i Jeriko. Amin'ny ain'ny zanany lahimatoa no hametrahany fototra, ary amin'ny ain'ny zanany faralahy no hananganany ny vavahadiny." [27]Koa dia nomba an'i Josoa i Yaveh, ary niely nanerana ny tany ny lazany.

7 [1]Fa ny vahoakan'Israely tsy nahatoky nanoloana ireo zavatra natokana ho amin'ny fandravana. Hakana zanaka lahin'i Karmy sy zafin'i Zabdia ary zafiafin'i Zera, avy amin'ny fokon'i Joda dia naka zavatra tao amin'izay natokana ho amin'ny fandravàna, ka nirehitra tamin'ny vahoakan'Israely ny hatezeran'Andriamanitra.
[2]Josoa dia nandefa lehilahy avy ao Jeriko nankany Ay, izay akaikin'i Bety Avena, atsinanan'i Betela. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Miakara ka tsikilovy ny tanàna." Koa niakatra ireo lehilahy ary nitsikilo tao Ay. [3]Rehefa niverina teo amin'i Josoa izy ireo, dia hoy izy ireo taminy hoe: "Aza alefa miakatra any Ay ny vahoaka rehetra. Lehilahy roa arivo na telo arivo ihany halefa hanafika an'i Ay. Aza manasatra ny vahoaka rehetra any amin'ny ady, satria vitsy an'isa izy ireo."
[4]Koa teo ho eo amin'ny lehilahy telo arivo no niakatra avy amin'ireo tafika, fa nitsoaka ny lehilahin'i Ay izy ireo. [5]Ireo lehilahin'i Ay dia nahafaty teo amin'ny enina amby telopolo lahy teo rehefa nanenjika azy ireo hatreo amin'ny vavahadin'ny tanàna hatreny amin'ny toerana famotehana vato, ary novonoin'izy ireo teny am-pidinana ny havoana ireo. Natahotra ny fon'ireo vahoaka ka niala tamin'izy ireo ny herim-pony.
[6]Avy eo dia notriarin'i Josoa ny akanjony. Izy sy ireo loholon'Israely dia nanisy vovoka ny lohan'izy ireo ary nampiankohoka ny tavan'izy ireo teo amin'ny tany teo anoloan'ny fiaran'i Yaveh, nijanona teo mandra-pahariva. [7]Dia niteny Josoa hoe: "Oh, ry Yaveh Tompo, nahoana no nentinao nita an'i Jordana ireo vahoaka ireo? Mba hanolotra anay eo an-tanan'ireo Amorita mba haharingana anay ve? Raha mba nanana fanapahan-kevitra samihafa mantsy izahay dia nijanona teny am-pitan'i Jordana!
[8]Tompo oh, inona no azoko lazaina, fa efa niamboho teo anatrehan'ny fahavalon'izy ireo Israely? [9]Satria ireo Kananita sy ireo mponin'ny tany rehetra dia handre ny momba izany. Hanodidina anay izy ireo ary hampanadino ny anaranay amin'ny olon'ny tany. Ka inona no hataonao ho an'ny anaranao lehibe?"
[10]Hoy i Yaveh tamin'i Josoa hoe: "Mitsangàna! Nahoana ianao no manohoka ny tavanao eo? [11]Nanota Israely. Nandika ny fanekeko izay nandidiako azy izy ireo. Efa nangalatra ny sasany tamin'ireo zavatra izay voatokana izy ireo. Efa nangalatra izy ireo ary avy eo koa dia nanafina ny otany tamin'ny fametrahana ireo izay efa nalain'izy ireo ho isan'ny fananany manokana. [12]Vokatr'izany, tsy afaka nitsangana teo anatrehan'ireo fahavalon'izy ireo ny vahoakan'Israely. Niamboho ny fahavalony izy ireo satria efa natokana ho amin'ny fahapotehana ny tenan'izy ireo. Tsy hiaraka aminareo intsony Aho raha tsy mamotika ny zavatra izay tokony nopotehina ianareo, kanefa mbola eo aminareo.
[13]Mitsangàna! Hamasino Amiko ny olona ary lazao izy ireo hoe: 'Hamasino ho an'ny rahampitso ny tenanareo. Satria Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely nanao hoe: "Misy ireo zavatra izay natokana ho potehina mbola eo aminareo, ry Israely. Tsy afaka mitsangana hanohitra ireo fahavalonareo ianareo raha tsy manala eo aminareo ireo zavatra rehetra izay natokana ho potehina."
[14]Amin'ny maraina, dia tsy maintsy manolotra ny tenanareo amin'ny fokonareo ianareo. Ny foko izay nosafidian'i Yaveh dia hanakaiky ny fianakaviam-ben'izy ireo. Ny fianakaviam-be izay nosafidian'i Yaveh dia tsy maintsy manakaiky ny isan-tokantrano. Ny tokantrano izay nosafidian'i Yaveh dia tsy maintsy mifanakaiky tsirairay. [15]Ary ilay iray izay nosafidina sy manana ireo zavatra izay natokana ho amin'ny fahapotehana, dia ho dorana, izy sy izay hananany rehetra, satria nandika ny faneken'i Yaveh izy ary satria nanao zavatra manala-baraka tao Israely.'"
[16]Noho izany, nifoha maraina Josoa ary nitondra an'Israely nanakaiky, isam-poko, ary voasafidy ny fokon'i Joda. [17]Nentin'i Josoa nanakaiky ireo fokon'i Joda, ary voasafidy ny fokon'i Zeraita. Nentiny nanakaiky isan'olona ny fokon'i Zeraita, ary voasafidy i Zabdia. [18]Nentiny nanakaiky ny ankohonan'i Zabdia, nandeha tsirairay isan'olona, ary Akana zanaka lahin'i Karmy, zafin'i Zabdia, zafikelin'i Zera, avy amin'ny fokon'i Joda, no voasafidy.
[19]Ary hoy Josoa tamin'i Akana hoe: "Ry zanako lahy, lazao eo anatrehan'i Yaveh, ilay Andriamanitr'i Israely ny marina, ary omeo Azy ny fiain-kelokao. Mba lazao ahy re izay nataonao. Aza afenina amiko izany." [20]Namaly an'i Josoa i Akana hoe: "Marina tokoa, fa nanota tamin'i Yaveh, ilay Andriamanitr'i Israely aho. Izao no nataoko: [21]Rehefa nahita akanjo lava tsara tarehy teo amin'ireo zavatra babo avy tao Babylona, sy volafotsy roanjato sekely, ary anjam-bolamena milanja

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

dimampolo sekely aho, dia naniry ireo ka naka ireo. Ao afovoan'ny laiko ao anaty tany ireo no nafenina, ary ao ambanin'izany ilay volafotsy."
[22]Nandefa iraka i Josoa, izay nihazakazaka nankany amin'ny lay ary tao ireo zavatra ireo. Rehefa nijery izy ireo, dia nahita izany nafenina tao amin'ny lainy manokana, ary ny volafotsy teo ambanin'izany. [23]Nalain'izy ireo teo afovoan'ny lay ireo zavatra ireo ary nentin'izy ireo tany amin'i Josoa sy ireo vahoakan'Israely rehetra. Nararak'izy ireo teo anatrehan'i Yaveh izany.
[24]Avy eo Josoa, sy ny Israely rehetra niaraka taminy, naka an'i Akana zanaka lahin'i Zera, sy ny volafotsy, ny akanjo lava, ny anjam-bolamena, ireo zanany lahy sy zanany vavy, ireo ombiny, ireo ampondrany, ireo ondriny, ny lainy, ary izay rehetra nananany, ka nentiny niakatra tany amin'ny havoan'i Akora izy ireo.
[25]Dia hoy i Josoa hoe: "Nahoana no nampidi-doza anay ianao? Hampidi-doza anao i Yaveh anio." Nitora-batovato azy ny Israely rehetra. Ary notorahan'izy ireo vato ny sisa ary nandoro azy ireo tamin'ny afo. [26]Nanangana antontam-bato lehibe teo amboniny izy ireo izay mbola eo mandrak'androany. Nitsahatra tamin'ny fahatezerany mirehitra Yaveh. Noho izany no niantsoana ny anaran'io toerana io hoe Havoan'i Akora mandrak'izao ankehitriny izao.

8 [1]Hoy Yaveh tamin'i Josoa: "Aza matahotra; aza kivy. Ento miaraka aminao ny vahoaka mpiady rehetra. Mandehana miakatra any Ay. Indro, efa natolotro eo am-pelan-tananao ny mpanjakan'ny Ay, ny vahokany, ny tanànany, sy ny taniny. [2]Hataovy toy ny nanaovanareo an'ny Jeriko sy ny mpanjakany no hanaovanareo an'ny Ay sy ny mpanjakany, saingy halainareo ho anareo ny babo sy ny biby fiompy. Ametraho mpanafika miafina ao ambadiky ny tanàna."
[3]Koa dia nitsangana i Josoa ary naka an'ireo lehilahy mpiady rehetra hiakatra ho any Ay. Avy eo i Josoa nifidy lehilahy telo alina—lehilahy mahery be herim-po—ary nalefany izy ireo ny alina. [4]Nibaiko azy ireo izy hoe: "Indro, hanao fanafihana miafina ny tanàna ianareo, ao ambadik'izany. Aza manalavitra ny tanàna, fa samia mivonona ianareo rehetra.
[5]Izaho sy ireo lehilahy miaraka amiko dia hanakaiky ny tanàna, ary rehefa mivoaka hanafika antsika izy ireo, dia handositra azy ireo toy ny teo aloha isika. [6]Hanenjika avy aoriantsika izy ireo mandra-pitarintsika azy ireo lavitra ny tanàna. Hilaza izy ireo hoe: 'Mandositra lavitra antsika izy ireo toy ny nataon'izy ireo tamin'ny farany.' Koa handositra hanalavitra azy ireo isika. [7]Avy eo dia hivoaka amin'ny toeram- pierenareo ianareo, ary hambabo ny tanàna. Hanome izany eny am-pelan-tananareo Yaveh Andriamanitrareo.
[8]Rehefa azonareo ny tanàna, dia ho doranareo izany. Hataonareo izany rehefa mankatoa ny didy izay nomena tamin'ny tenin'i Yaveh. Indro, efa nandidy anareo aho." [9]Nalefan'i Josoa izy ireo, ka lasa tany amin'ny toeram-piafenana izy ireo, ary niafina teo anelanelan'i Betela sy Ay tao andrefan'i Ay. Fa natory teo amin'ny vahoaka i Josoa ny alin'iny.
[10]Nifoha maraina i Josoa ka nanomana ireo miaramilany, Josoa sy ireo loholon'Israely, ka nanafika ireo vahoakan'i Ay izy ireo. [11]Niakatra ireo lehilahy mpiady rehetra izay niaraka taminy ka nanatona ny tanàna. Tonga nanakaiky ny tanàna izy ireo ary nitoby teo avaratr'i Ay. Ary nisy lohasaha iray no manelanelana azy ireo sy Ay. [12]Naka lehilahy teo amin'ny dimy arivo teo izy ary nandefa azy ireo tao amin'ilay fiafenana andrefan'ny tanàna teo anelanelan'ny Betela sy Ay.
[13]Nalahatr'izy ireo ny miaramila rehetra, ny tafika lehibe nankao avaratry ny tanàna, ary ny mpiandry vodi-lalana tao andrefan'ny tanàna. Nandeha tao amin'ny lohasaha i Josoa ny alin'iny. [14]Ary raha vao nahita an'izany ny mpanjakan'i Ay, dia nifoha maraina izy sy ny tafiny ary nivoaka mba hanafika an'Israely tany amin'ny toerana tandrifin'ny lohasahan'ny Reniranon'i Jordana. Tsy fanatany fa nisy fandrika niandry hanafika avy ao ambadiky ny tanàna izy.
[15]Namela ny tenan'izy ireo ho resy teo anoloan'izy ireo i Josoa sy ny Israely rehetra, ary nandositra tany amin'ny tany efitra izy ireo. [16]Ny olona rehetra izay tao an-tanàna dia nifampiantso hanenjika azy ireo, koa nanenjika taorian'i Josoa izy ireo ka voaroaka lavitra ny tanàna. [17]Tsy nisy ny ambin'ny lehilahy tany Ay sy Betela izay tsy mbola nivoka nanenjika an'Israely. Nandao ny tanàna izy ireo ary namela izany hivoha raha nanenjika an'Israely.
[18]Hoy i Yaveh tamin'i Josoa hoe: "Atondroy eo amin'i Ay ny lefona izay eo an-tananao, fa hatolotro eo am-pelan-tananao i Ay." Nohazonin'i Josoa nanandrify ny tanàna ilay lefona izay teny an-tanànany. [19]Ireo miaramila niafina tao amin'ny fandrika dia nirohatra faingana nivoaka ny toerany raha naninjitra ny tanany izy. Nihazakazaka izy ireo ary niditra tao an-tanàna ary naka izany. Nodoran'izy ireo faingana ny tanàna.
[20]Nitodika ireo olon'i Ay ary nijery. Nahita setroka avy tao an-tanàna izy ireo izay niakatra nankany amin'ny lanitra, ary tsy afaka nandositra izy ireo na tetsy na teroa. Fa ireo miaramilan'Israely izay nandositra tany an-tany efitra dia niverina hiatrika ireo olona izay nanenjika azy ireo. [21]Rehefa hitan'i Josoa sy Israely rehetra fa efa azon'ilay tafika miafina ny tanàna niaraka tamin'ny setroka miakatra, dia niverina teo izy ireo ary namono ny olon'i Ay.
[22]Ireo miaramilan'Israely hafa, ireo izay nivoaka ny tanàna, dia nivoaka hanafika azy ireo. Ka tratra tao anelanelan'ny tafik'Israely ireo olon'i Ay, ny sasany avy ao andaniny ary ny sasany avy ao ankilany. Notafihan'Israely ny olon'i Ay; tsy nisy na dia iray tamin'izy ireo velona na nandositra. [23]Nalain'izy ireo ny mpanjakan'i Ay, izay nosamborin'izy ireo velona, ary nentin'izy ireo teo amin'i Josoa izy.
[24]Rehefa tapitra namono ireo mponin'ny Ay rehetra tany an-tsaha akaikin'ny tany efitra izay nanenjehan'izy ireo azy Israely, ary rehefa lavo tamin'ny lelan-tsabatra izy rehetra, hatramin'ny farany indrindra, dia niverina tany Ay ny Israely rehetra. Notafihan'izy ireo tamin'ny lelan-tsabatra izany. [25]Ireo rehetra izay maty tamin'io andro io, lehilahy sy vehivavy mitambatra, dia roa arivo sy iray alina, izay vahoaka rehetra tao Ay. [26]Tsy nampihemotra ny tanany izay nahinjiny rehefa nitazona ilay lefony i Josoa, mandra-pandringanany tanteraka ny vahoaka rehetra tao Ay.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[27]Ny biby fiompy sy ny zavatra babo tao an-tanàna ihany no nalain'Israely ho azy ireo, araka ny nandidian'i Yaveh an'i Josoa. [28]Nodoran'i Josoa i Ay ary navadiny ho antontan-trano rava mandrakizay izany. Lasa toerana haolo izany hatramin'izao.
[29]Nahantony teo amin'ny hazo ny mpanjakan'i Ay mandra-pahariva. Rehefa nilentika ny masoandro, dia nanome ny didy i Josoa ka nalain'izy ireo hidina amin'ny hazo ny fatin'ny mpanjaka ary natsipin'izy ireo teo anoloan'ny vavahadin'ny tanàna. Teo no nananganan'izy ireo antontam-bato lehibe teo ambonin'izany. Mbola mitoetra eo izany antontan-bato izany hatramin'izao.
[30]Avy eo i Josoa nanamboatra alitara ho an'i Yaveh, Ilay Andriamanitr'Israely, tao an-tendrombohitr'i Ebala, [31]araka ny nandidian'i Mosesy mpanompon'i Yaveh ny vahokan'i Israely, araka ny efa voasoratra tao amin'ny bokin'ny lalàn'i Mosesy hoe: "Alitara iray ho an'ny vato voavoatra, izay tsy nisy na iza na iza nampiasa fitaovana vy tamin'izany." Nanolotra sorona dorana ho an'i Yaveh teo ambony alitara izy, ary nanao sorom-pihavanana izy ireo. [32]Teo, teo anatrehan'ny vahoakan'Israely, dia nanoratra ny dika mitovy tamin'ny lalàn'i Mosesy teo amin'ny vato izy.
[33]Ireo Israely rehetra, ireo loholona, ireo manam-pahefana, sy ireo mpitsaran'izy ireo dia nijoro teo amin'ny lafin'ilay fiara roa teo anoloan'ireo mpisorona sy Levita izay nitondra ny fiaran'ny fifaneken'i Yaveh—ny vahiny tahaka ny tompon-tany—dia nijoro teo anoloan'ny tendrombohitr'i Gerzima ny atsasak'izy ireo ary nijoro teo anoloan'ny tendrombohitr'i Ebala ny atsasany iray hafa. Nitso-drano ny vahoaka an'Israely izy ireo, araka ny nandidian'i Mosesy mpanompon'i Yaveh azy ireo tamin'ny voalohany.
[34]Taorian'izany, dia novakian'i Josoa ireo tenin'ny lalàna rehetra, ireo fitahiana sy ozona, araka izay efa voasoratr'izy ireo ao amin'ny bokin'ny lalàn. [35]Tsy nisy na dia teny iray aza tsy novakian'i Josoa tamin'ireo nandidian'i Mosesy teo anatrehan'ny fivondronan'Israely, anisan'izany ireo vehivavy, ireo zazakely, ary ireo vahiny izay nipetraka teo amin'izy ireo.

9 [1]Ary ireo mpanjaka rehetra izay niaina tany an-dafin'ny Jordana tany amin'ny tany havoana, sy tany amin'ireo lemaka amoron-dranomasin'ny Ranomasina Lehibe tandrifin'i Libanona—ireo Hitita, Amorita, Kananita, Perizita, Hivita, ary reo Jebosita— [2]ireo dia niray hina ho eo ambany fifehezana iray, mba hanangana ady amin'i Josoa sy Israely.
[3]Rehefa henon'ireo mponin'i Gibeona izay nataon'i Josoa tamin'i Jeriko sy tamin'i Ay, [4]dia nanao tetika an-kafetsena izy ireo. Nandeha ho iraka izy ireo. Nitondra kitapo tonta izy ireo ary nasampiny tamin'ny borikin'izy ireo izany. Nitondra siny hoditra izay tonta, rovitra, sy efa namboarina ihany koa izy ireo. [5]Kapa tonta sy nitampina no teny an-tongotr'izy ireo, ary nitafy tranainy, fitafiana tonta. Ireo mofo rehetra tao amin'ny fitoeram-batsin'izy ireo dia kina sy bobongolo.
[6]Dia nandeha tany amin'i Josoa tany an-toby tany Gilgala izy ireo ka niteny taminy sy tamin'ireo lehilahin'Israely hoe: "Efa nandeha avy any amin'ny firenena tena lavitra izahay, ka ankehitriny manaova fifanekena aminay." [7]Hoy ireo lehilahin'Israely tamin'ireo Hivita hoe: "Angamba ianareo monina akaiky anay ihany. Hataonay ahoana ny hanao fifanekena aminareo?" [8]Hoy izy ireo tamin'i Josoa: "Mpanomponao izahay." Josoa namaly azy ireo hoe: "Fa iza ianareo? Avy aiza no niavianareo?"
[9]Hoy izy ireo taminy: "Tonga avy tany amin'ny tany tena lavitra ireto mpanomponao, noho ny anaran'i Yaveh Andriamanitrareo. Renay ny tatitra momba Azy sy momba izay rehetra nataony tany Egypta— [10]ary izay rehetra nataony tamin'ireo mpanjakan'ny Amorita roa tany andafin'ny Jordana—tamin'i Sihona mpanjakan'i Hesbona, sy tamin'i Oga mpanjakan'i Basana izay tany Astarta.
[11]Hoy ireo loholonay sy ireo mponina rehetra tany amin'ny firenenay taminay hoe: 'Mitondrà vatsy eny an-tananareo ho amin'ny dia. Mandehana mihaona amin'izy ireo ary lazao izy ireo hoe: "Mpanomponareo izahay. Manaova fifanekena aminay." [12]Ity ny mofonay, mbola nafana ity tamin'izahay naka azy ity tany an-tranonay tamin'ny andro niainganay hankaty aminareo. Kanefa izao, indro, maina sy bobongolo ity. [13]Ireto kitapo hoditra ireto dia vaovao tamin'ny namenoanay azy ireo, dia indro, mitete izy ireo ankehitriny. Ireo fitafinay sy ireo kapanay dia simba nohon'ny dia tena lavitra.'"
[14]Dia naka sasany tamin'ny vatsiny ireo Israelita, nefa tsy naka hevitra tamin'i Yaveh izy ireo ho fitarihana. [15]Josoa nihavana tamin'izy ireo sy nanao fifanekena tamin'izy ireo, mba hamelàna azy ireo ho velona. Ireo mpitarika ny vahoaka ihany koa dia nanao voady tamin'izy ireo.
[16]Telo andro taorian'ny nanaovan'ireo Isrelita izany fifanekena izany tamin'izy ireo, dia fantatr'izy ireo fa hay mpifanolo-bodirindrina izy ireo ary nonina nifanakaiky teo. [17]Avy eo dia niainga ny vahoakan'Israely ary tonga tany amin'ny tanànan'izy ireo tamin'ny andro fahatelo. Ny tanànan'izy ireo dia Gibeona, Kefira, Berota, ary Kiriata Jearima.
[18]Tsy nanafika azy ireo ny vahoakan'Israely satria ireo mpitarika azy ireo dia efa nanao fianianana momba azy teo anatrehan'i Yaveh, Andriamanitr'Israely. Nimonomononan'ireo Israelita rehetra ireo mpitarika azy ireo. [19]Ka hoy ireo mpitarika rehetra tamin'ny vahoaka manontolo: "Nanao fianianana nahakasika azy ireo tamin'i Yaveh, Andriamanitr'Israely izahay, ary tsy afaka hanao ratsy azy ireo isika ankehitriny.
[20]Izao no hataontsika amin'izy ireo: Mba hialana amin'ny fahatezerana izay mety hitranga amintsika noho ny fianianana nianianantsika tamin'izy ireo, dia avelantsika ho velona izy ireo." [21]Hoy ireo mpitarika tamin'ny vahoakan'izy ireo: "Avelao izy ireo ho velona." Noho izany, ireo Gibeonita dia lasa mpikapa hazo sy mpantsaka rano ho an'ireo Israelita rehetra, araka izay nolazain'ireo mpitarika momba azy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Niantso azy ireo Josoa ka niteny hoe: "Nahoana ianareo no namitaka anay raha niteny hoe: 'Tena lavitra anareo izahay,' nefa ianareo monina eto aminay? [23]Ankehitriny, noho izany, dia voaozona ianareo ary ny sasany aminareo dia ho andevo foana, ireo izay manapaka hazo sy mantsaka rano ho an'ny tranon'Andriamanitro."
[24]Namaly an'i Josoa izy ireo ka nanao hoe: "Satria nolazaina tamin'ireto mpanomponao fa Yaveh Andriamanitrao nandidy an'i Mosesy mpanompony mba hanome anao ny tany rehetra, ary handringana ireo mponin'ny tany rehetra eo anatrehanao— noho izany dia natahotra mafy ny amin'ny ainay izahay noho ianao. Izany no nahatonga anay nanao izao zavatra izao. [25]Ankehitriny, indro, tananao amin'ny fahefanao izahay. Na inona na inona toa tsara sy marina aminao hatao aminay, dia ataovy izany."
[26]Dia izao no nataon'i Josoa ho azy ireo: nesoriny tsy ho eo ambany fifehezan'ny vahoakan'Israely izy ireo, ary tsy novonoin'ireo Israelita. [27]Nataon'i Josoa mpanapaka hazo sy mpantsaka rano ho an'ny fiarahamonina, sy ho an'ny alitaran'i Yaveh ireo Gibeonita tamin'io andro io, mandrak'androany, eo amin'ny toerana izay safidian'i Yaveh.

---

[a]Raha toa ka hoe: "Nandeha ho iraka izy ireo," ny dikan-teny sasany kosa dia manao hoe: "Efa nanomana vatsy izy ireo.

---

10 [1]Ary rehefa ren'i Adoni-zedeka, mpanjakan'i Jerosalema, fa babon'i Josoa i Ay ary nopotehiny tanteraka izany (tahaka ny nanaovany an'i Jeriko sy ny mpanjakany), reny ihany koa fa efa nihavana ny vahoakan'ny Gibeona sy ny Israely ary niara-nonina izy ireo. [2]Dia raiki-tahotra tanteraka ny vahoakan'i Jerosalema satria Gibeona dia tanàna lehibe, toy ny iray amin'ireo tanànan'andriana. Lehibe noho i Ay izany, ary ny lehilahiny dia mpiady mahery avokoa.
[3]Noho izany Adoni-zedeka, mpanjakan'i Jerosalema, dia nandefa hafatra tany amin'i Hohama, mpanjakan'i Hebrona, tany amin'i Pirama, mpanjakan'i Jarmota, tany amin'i Jafia, mpanjakan'i Lakisy, ary tany amin'i Debira, mpanjakan'i Eglona hoe: [4]"Miakara aty amiko ary ampio aho. Andeha hotafihantsika i Gibeona satria izy ireo dia efa nihavana tamin'i Josoa sy tamin'ny vahoakan'Israely."
[5]Ireo mpanjaka dimin'ny Amorita, ny mpanjakan'i Jerosalema, ny mpanjakan'i Hebrona, ny mpanjakan'i Jarmota, ny mpanjakan'i Lakisy, ary ny mpanjakan'i Eglona dia niakatra, izy ireo sy ireo tafiny rehetra. Nametraka ny rafitra hanoherana an'i Gibeona izy ireo, ary nanafika izany.
[6]Nandefa hafatra tany amin'i Josoa sy tany amin'ny tafika tany Gilgala ny vahoakan'i Gibeona. Hoy izy ireo hoe: "Faingàna! Aza esorina eo amin'ny mpanomponareo ny tananareo. Miakara haingana aty aminay, ary vonjeo izahay. Ampio izahay, satria ireo mpanjakan'ny Amorita rehetra monina eny amin'ny tany havoana dia efa nitambatra ho iray mba hanafika anay." [7]Niakatra avy tany Gilgala i Josoa, izy sy ireo lehilahy mpiady rehetra niaraka taminy, ary ireo lehilahy mpanafika rehetra.
[8]Ary Yaveh niteny tamin'i Josoa hoe: "Aza matahotra azy ireo. Efa nomeko ho eo am-pelan-tananao izy ireo. Tsy hisy na iray amin'izy ireo hahasakana ny fanafihanao."
[9]Tonga tampoka teo amin'izy ireo i Josoa, rehefa nandeha nandritra ny alina tontolo avy any Gilgala. [10]Nasafotofoton'i Yaveh teo anoloan'Israely ny fahavalo, ary Israely namono azy ireo tamin'ny famonoana lehibe tao Gibeona ary nanenjika azy ireo tamin'ny lalana miakatra mankany Beti-horona, ary izy ireo namono azy ireo teny an-dalana mankany Azeka sy Makeda.
[11]Raha nitsoaka an'Israely izy ireo, nidina ny vohitra avy any Beti-horona, Yaveh nanipy vato lehibe avy eny amin'ny lanitra teo ambonin'izy ireo tamin'ny lalana rehetra mankany Azeka, ary maty izy ireo. Maro ireo matin'ny havandra noho ny matin'ny sabatr'ireo lehilahin'Israely.
[12]Ary Josoa niteny tamin'i Yaveh tamin'ny andro nanomezan'i Yaveh ny lehilahin'Israely fandresena teo anatrehan'ireo Amorita. Izao no tenin'i Josoa tamin'i Yaveh teo anoloan'Israely: "Ry masoandro, mijanòna ao Gibeona, ary ny volana, ao amin'ny lohasaha Aialona."
[13]Dia nijanona ny masoandro, ary nitsaha-nihetsika ny volana mandra-pamalifatin'ny firenena ireo fahavalony. Tsy voasoratra ao anaty Bokin'i Jasara ve izany? Ny masoandro nijanona teo afovoan'ny habakabaka; tsy nilentika efa ho iray andro maninjitra izany. [14]Tsy nisy andro hafa tahaka izany taloha na taorian'io, rehefa nankatoa ny feon'ny olona i Yaveh. Satria Yaveh dia niady ho an'Israely.
[15]Niverina tany an-toby tany Gilgala i Josoa sy ireo Israely rehetra niaraka taminy. [16]Ireo mpanjaka dimy nandositra sy nanafina ny tenany tao anaty lava-bato tao Makeda. [17]Dia nolazaina tamin'i Josoa izany hoe: "Efa hita izy ireo! —miafina ao anaty lava-bato ao Makeda ireo mpanjaka dimy!"
[18]Hoy Josoa hoe: "Manakodiava vato lehibe eo am-bavan'ilay lava-bato ary mametraha miaramila ao mba hiambina azy ireo. [19]Fa aza mijanona ianareo. Enjeho ny fahavalonareo ary tafiho avy ao aoriana izy ireo. Aza avela hiditra ny tanànany izy ireo, satria Yaveh Andriamanitrareo efa nanolotra azy ireo ho eo an-tananareo."
[20]Josoa sy ireo zanak'Israely efa nandringana azy ireo tamin'ny famonoana lehibe, mandra-paharingana azy ireo tanteraka; ireo izay sisa velona ihany no afa-nandositra namonjy ny tanàna mimanda. [21]Ary ny miaramila manontolo niverina am-pilaminana tany amin'i Josoa tao an-toby tao Makeda. Tsy nisy na iray sahy niteny teny manohitra ny vahoakan'Israely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Ary Josoa niteny hoe: "Sokafy ny lava-bato ary ento mivoaka avy ao eto amiko ireo mpanjaka dimy." [23]Dia nataon'izy ireo araka izay nolazainy. Nentin'izy ireo avy tao an-dava-bato ho eo aminy ireo mpanjaka dimy—ny mpanjakan'i Jerosalema, ny mpanjakan'i Hebrona, ny mpanjakan'i Jarmota, ny mpanjakan'i Lakisy, ary ny mpanjakan'i Eglona.
[24]Rehefa tongan'izy ireo teo amin'i Josoa ireo mpanjaka, dia niantso ny lehilahin'Israely rehetra izy. Niteny tamin'ireo mpifehy ny miaramila izay niaraka taminy tany an'ady izy hoe: "Apetraho eo amin'ny vozony ny tongotrao." Dia niakatra izy ireo ary nametraka ny tongony teo amin'ny vozon'ireo. [25]Ary hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra ary aza mivadi-po. Mahereza sy matanjaha. Izao no hataon'i Yaveh amin'ireo fahavalonao rehetra izay andehananao hiady."
[26]Ary Josoa namely sy namono ireo mpanjaka dimy. Nahantony tamin'ny hazo dimy izy ireo. Nihantona teo amin'ny hazo izy ireo mandra-pahariva ny andro. [27]Raha ilay mody masoandro iny, dia nanome baiko i Josoa, ka nampidinin'izy ireo avy eo amin'ny hazo ireo ary natsipiny tao anatin'ilay lava-bato izay niafenany. Nasian'izy ireo vato lehibe ny vavan'ilay lava-bato. Mbola ao ireo vato ireo mandrak'androany.
[28]Toy izany, no nambaboan'i Josoa an'i Makeda tamin'izany andro izany, sy namonoany ny olon-drehetra tao tamin'ny sabatra, anisan'izany ny mpanjakany. Naringany tanteraka izy ireo sy ireo zava-miaina rehetra tao. Tsy nisy navelany ho velona. Tahaka ny nataony tamin'ny mpanjakan'i Jeriko ihany no nataony tamin'ny mpanjakan'i Makeda.
[29]Niainga avy tao Makeda ho any Libna i Josoa sy ireo Israely rehetra. Dia niady tamin'i Libna izy. [30]Nomen'i Yaveh ho eo an-tanan'Israely ihany koa izany—hatramin'ny mpanjakany. Josoa namely ny zava-miaina rehetra tao tamin'ny sabatra. Tsy namelàny niangana tao. Tahaka ny nanaovany ny mpanjakan'i Jeriko ihany no nanaovany ny mpanjaka.
[31]Ary niainga avy ao Libna ho any Lakisy i Josoa sy ireo Israely rehetra niaraka taminy. Nitoby tao izy ary niady taminy.
[32]Dia natolotr'i Yaveh teo an-tanan'Israely i Lakisy. Tamin'ny andro faharoa no nambaboan'i Josoa azy. Naringany tamin'ny sabatra ny zava-miaina rehetra tao, tahaka ny nanaovany an'i Libna.
[33]Ary Horama, mpanjakan'i Gazera, niakatra mba hanampy an'i Lakisy. Fa Josoa namely azy sy ny tafiny mandra-paha tsy nisy niangana intsony na dia iray aza.
[34]Ary Josoa sy ireo Israely rehetra niaraka taminy niainga avy tao Lakisy ho any Eglona. Nitoby tao sy niady taminy izy ireo, [35]ary nambabo azy tamin'io andro io ihany. Namely izany tamin'ny sabatra izy ireo ary nandringana tanteraka ny olona rehetra tao, tahaka ny nanaovan'i Josoa an'i Lakisy.
[36]Ary niainga avy ao Eglona Josoa sy ireo Israely rehetra ho any Hebrona. Niady taminy izy ireo.[37]Nambabo azy izy ireo ary namely ny olona rehetra tao tamin'ny sabatra, anisan'izany ny mpanjaka sy ireo zana-bohitra rehetra manodidina. Naringan'izy ireo tanteraka ny zava-miaina rehetra tao, tsy nisy navela niangana, tahaka ny nanaovan'i Josoa an'i Eglona. Naringany tanteraka izany, sy ireo zava-miaina rehetra tao aminy.
[38]Dia niverina Josoa, sy ny tafik'Israely rehetra niaraka taminy, ka nankany Debira izy ireo ary niady taminy. [39]Nambabo izany sy ny mpanjakany izy, ary ireo zana-bohitra nanaiky rehetra. Namely azy ireo tamin'ny sabatra izy ireo, ary nandringana tanteraka ireo zava-miaina rehetra tao aminy. Tsy nisy navelan'i Josoa hiangana, tahaka ny nanaovany an'i Hebrona sy ny mpanjakany, sy tahaka ny nanaovany an'i Libna sy ny mpanjakany.
[40]Josoa nandresy ny tany rehetra, ny tany havoana, Negeva, ireo tany iva, ary ireo fototr'havoana. Tsy nisy navelany hiangana na dia iray tamin'ireo mpanjakany rehetra. Naringany tanteraka ireo zava-miaina rehetra, tahaka ny efa nandidian'i Yaveh, Andriamanitr'Israely. [41]Josoa namely azy ireo tamin'ny sabatra nanomboka tao Kadesy-barnea ka hatrany Gaza, sy ny tanànan'ny Gosena rehetra ka hatrany Gibeona.
[42]Josoa nambabo indray mandeha ireo mpanjaka rehetra ireo sy ny taniny satria Yaveh, Andriamanitr'Israely, no niady ho an'Israely. [43]Ary Josoa, sy ireo Israely rehetra niaraka taminy, dia niverina tany amin'ny toby tao Gilgala.

11 [1]Rehefa ren'i Jabina, mpanjakan'i Hazora izany, dia nandefa hafatra ho an'i Jobaba, mpanjakan'i Madona, sy ny mpanjakan'i Simrona, ary ny mpanjakan'i Aksafa izy. [2]Nalefany tany amin'ireo mpanjaka izay any amin'ny tany havoana avaratra, sy tany amin'ny lohasaha amin'ny reniranon'i Jordana any atsimon'i Kinerota, sy tany amin'ny tany lemaka, ary tany amin'ny tany havoan'i Dora mankany andrefana ihany koa ilay hafatra. [3]Nandefa hafatra tany amin'ireo Kananita mankany atsinanana sy andrefana, sy tany amin'ireo Amorita, ireo Hetita, ireo Perizita, ireo Jebosita any amin'ny tany havoana, sy tany amin'ireo Hivita any amin'ny Tendrombohitra Hermona any amin'ny tanin'i Mizpa ihany koa izy.
[4]Nivoaka niaraka tamin'izy ireo avokoa ny tafik'izy ireo rehetra, miaramila maro an'isa, toy ny fasika eny amoron-dranomasina. Nanana soavaly sy kalesy maro an'isa izy ireo. [5]Nihaona tamin'ny ora voatondro ireo mpanjaka rehetra ireo, ary nitoby teo amin'ny ranon'i Meroma mba hiady amin'Israely.
[6]Hoy Yaveh tamin'i Josoa hoe: "Aza matahotra eo amin'ny fanatrehan'izy ireo, satria rahampitso amin'izao fotoana izao dia manolotra azy ireo amin'Israely rehetra tahaka ny olona maty Aho. Ho vonoinao ny soavalin'izy ireo, ary ho doranao ny kalesin'izy ireo." [7]Dia tonga Josoa sy ireo lehilahy mpiady rehetra. Tonga tampoka tany amin'ny ranon'i Meroma izy ireo, ka nanafika ny fahavalo.
[8]Natolotr'i Yaveh teo an-tanan'Israely ny fahavalo, ary namely azy ireo tamin'ny sabatra sy nanenjika azy ireo tany Sidona, Misrefota-maima, sy tany amin'ny Lohasahan'i Mizpa any atsinanana izy ireo. Namono azy ireo izy mandra-paha tsy nisy na dia iray aza sisa tavela. [9]Nataon'i Josoa tamin'izy ireo arak'izay nolazain'i Yaveh taminy. Nataony nandringa ireo soavaly ary nodorany ireo kalesy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Niverina i Josoa tamin'izany fotoana izany ary nambabo an'i Hazora. Notsatohiny tamin'ny sabatra ny mpanjaka tao. (Lohan'ireo fanjakana rehetra ireo i Hazora.) [11]Novonoin'izy ireo tamin'ny sabatra ny zava-manan'aina rehetra izay tao, ary natokany ho ravàna ireo, ka dia tsy nisy zava-manan'aina tavela. Avy eo nodorany i Hazora.
[12]Lasan'i Josoa avokoa ny tanànan'ireo mpanjaka rehetra ireo. Nosamboriny ihany koa ny mpanjakan'ireo rehetra ary notsatohiny tamin'ny sabatra. Naringany tanteraka tamin'ny sabatra izy ireo, araka ny nandidian'i Mosesy mpanompon'i Yaveh. [13]Tsy nandoro ireo tanàna niorina teny amin'ny dongon-tany i Israely, afa-tsy Hazora. Io ihany no nodoran'i Josoa.
[14]Nalain'ny tafik'Israely ny babo rehetra avy amin'ireo tanàna ireo niaraka tamin'ny biby fiompy mba ho azy ireo. Novonoin'izy ireo tamin'ny sabatra ny zanak'olombelona rehetra mandra-pahafatin'ny rehetra. [15]Tsy nisy zava-manan'aina navelan'izy ireo ho velona. Araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy mpanompony, dia tahaka izany koa, no nandidian'i Mosesy an'i Josoa, ka nataon'i Josoa izany. Tsy nisy zavatra navelany tsy ho vita izay rehetra nandidian'i Yaveh ho atao.
[16]Nalain'i Josoa avokoa izany tany rehetra izany, ny tany havoana, Negeva iray manontolo, ny tanin'i Gosena iray manontolo, ireo lemaka amoron-tsiraka, lohasahan'ny Renirano Jordana, ny tany havoan'Israely, ary ireo tany lemaka.
[17]Hatrany amin'ny tendrombohitra Halaka akaikin'i Edoma, sy nianavaratra lavitra toa an'i Bala-gada tany amin'ny lohasaha akaikin'i Libanona ambanin'ny Tendrombohitra Hermona, dia nosamboriny avokoa ny mpanjakan'izy ireo ary novonoiny.
[18]Efa ela Josoa no niady tamin'ireo mpanjaka rehetra. [19]Tsy nisy tanàna nanao fihavanana tamin'ny tafik'Israely ankoatra ireo Hivita izay nonina tany Gibeona. Lasan'Israely avokoa ireo tanàna sisa tavela an'ady. [20]Satria Yaveh no nanamafy ny fon'izy ireo dia niady nanohitra an'Israely izy ireo, mba hahafahany mamotika tanteraka azy ireo tsy misy indrafo, araka ny nandidiany an'i Mosesy.
[21]Avy eo tonga Josoa tamin'izany fotoana izany ka nopotehiny i Anakima. Nataony tany amin'ny tany havoana, tany Hebrona, Debira, Anaba, ary ireo tany havoan'i Joda rehetra izany, sy tany amin'ny tany havoan'Israely rehetra. Nopotehin'i Josoa tanteraka izy ireo sy ireo tanàna. [22]Tsy nisy Anakita tavela teo amin'ilay tanin'Israely ankoatra an'i Gaza, Gata, ary Asdoda.
[23]Noho izany dia lasan'i Josoa avokoa ny tany iray manontolo, araka ny nolazain'i Yaveh an'i Mosesy. Nomen'i Josoa ho lovan'Israely izany, notendrena ho an'ireo foko tsirairay. Avy eo ilay tany nitsahatra tamin'ny ady.

12 [1]Ary indreto ireo mpanjakan'ny tany, izay resin'ireo lehilahin'i Israely. Nalain'ireo Israelita ny harenan'ny tany tany amin'ny ilany atsinanan'i Jordana izay hiposahan'ny masoandro, nanomboka teo amin'ny lohasahan-driaka Arnona hatramin'ny tendrombohitra Hermona, ary ny Araba rehetra hatrany atsinanana.[2]Sihona, mpanjakan'ny Amorita, dia nonina tany Hesbona. Nanjaka hatrany Aroera, izay eo amin'ny sisin'ny Harambaton'i Arnona avy eo afovoan'ny lohasaha izy, ary ny atsasak'i Gileada mitsotsorika hatrany amin'ny reniranon'i Jaboka any amin'ny sisin-tanin'ny Amonita.
[3]Nanjaka tamin'i Araba hatrany amin'ny ranomasin'i Kinerota koa i Sihona, hatrany atsinanana, hatrany amin'ny ranomasin'i Araba (Ranomasintsira) atsinanana, ny lalana rehetra hatrany Beti-jesimota sy atsimo, am-pototry ny Tendrombohitra Pisga. [4]Oga, mpanjakan'i Basana, iray amin'ny Refaïma sisa, dia nonina tao Astarta sy Edrehy. [5]Nanjaka tamin'ny tendrombohitr'i Hermona, Saleka, ary Basana rehetra, hatramin'ny faritanin'ny mponin'i Gesorita sy ny Makatita izy, ary ny atsasak'i Gileada, hatramin'ny faritanin'i Sihona, mpanjakan'i Hesbona.
[6]Nandresy azy ireo i Mosesy mpanompon'i Yaveh, sy ny vahoakan'Israely, ary Mosesy mpanompon'i Yaveh, no nanolotra ny tany mba ho fananan'ireo Robenita, sy Gadita, ary ny atsasa-pokon'i Manase.
[7]Ireto ireo mpanjakan'ny tany izay resin'i Josoa sy ny vahoakan'Israely tany andrefan'i Jordana, nanomboka tao Bala-gada ao amin'ny lohasaha akaikin'i Libanona hatrany an-tendrombohitra Halaka akaikin'i Edoma. Nanome tany ho an'ireo fokon'Israely i Josoa mba ho fananan'izy ireo. [8]Nomeny azy ireo ny tany havoana, ireo tany lemaka, ilay Araba, ireo sisin'ireo tendrombohitra, ny tany efitra, ary ny Negeva—dia ny tanin'ireo Hetita, Amorita, Kananita, Perzita, Hivita, ary ireo Jebosita.
[9]Ireo mpanjaka dia ahitana ny mpanjakan'i Jeriko, ny mpanjakan'i Ay izay eo akaikin'i Betela, [10]ny mpanjakan'i Jerosalema, ny mpanjakan'i Enaima, [11]ny mpanjakan'i Jarmota, ny mpanjakan'i Lakisy, [12]ny mpanjakan'i Eglona, ny mpanjakan'i Gazera,
[13]ny mpanjakan'i Debira, ny mpanjakan'i Gadera,[14]ny mpanjakan'i Horma, ny mpanjakan'i Arada,[15]ny mpanjakan'i Libna, ny mpanjakan'i Adolama,[16]ny mpanjakan'i Makeda, ny mpanjakan'i Betela,
[17]ny mpanjakan'i Tapoa, ny mpanjakan'i Hefera,[18]ny mpanjakan'i Afeka, ny mpanjakan'i Lasarona,[19]ny mpanjakan'i Madona, ny mpanjakan'i Hazora,[20]ny mpanjakan'i Simrona-merona, ny mpanjakan'i Aksafa,
[21]ny mpanjakan'i Tanaka, ny mpanjakan'i Megido, [22]ny mpanjakan'i Kadesy, ny mpanjakan'i Jokneama,[23]ny mpanjakan'i Dora, ny mpanjakan'i Goyema any Gilgala,[24]ary ny mpanjakan'i Tirza. Iraika amby telopolo no isan'ireo mpanjaka rehetra.

13 [1]Ary efa tena antitra tokoa i Josoa rehefa nilaza taminy i Yaveh hoe: "Tena antitra tokoa ianao, kanefa mbola betsaka ireo tany ho baboina.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[2]Ity ny tany izay mbola tavela: ireo faritra rehetra ao amin'ny Filistina, ary ireo rehetra any Gesriana, [3](avy any Sikora, izay any atsinanan'i Egypta, sy avaratry ny sisin'ny Akarona, izay heverina ho fananan'ireo Kananita; ireo mpanapaka dimin'ireo Filistina, ireo izay any Gaza, Azota, Askalona, Geta, ary Akarona—ireo faritr'ireo Avita).
[4]Any atsimo, dia mbola misy ny tanin'ireo Kananita rehetra, sy Maàra izay ho an'ireo Sidoniana, any Afeka, ireo faritr'ireo Amorita; [5]ny tanin'ireo Gebalita, ireo Libanona rehetra manoloana ny fiposahan'ny masoandro, hatrany Bala-Gada eo ambanin'ny tendrombohitra Hermona ka hatrany Lebo Hamata.
[6]Fa kosa, ireo olona rehetra any amin'ny tany havona avy any Libanona tahaka i Mserofota-Maima, anisan'izany ireo olona rehetra any Sidona. Handroaka azy ireo alohan'ireo tafik'israely. Alaivo antoka ny fanomezana ny tany an'Israely ho lova iray, araka ny nandidiako anao. [7]Zarao izany tany izany ho an'ireo foko sivy sy ho an'ireo atsasaky ny fokon'i Manase.
[8]Miaraka amin'ireo atsasaky ny fokon'i Manase, ireo Reobenita sy ireo Gadita dia nandray ny lova izay nomen'i Mosesy azy ireo tany atsinanan'i Jordana, [9]any Aroera, izay eo amoron'ny reniranon'i Arnona (anisan'izany ny tanàna izay eo afovoan'ny renirano), ho an'ny lemaka rehetra any Medeba ary hatrany Dibona;
[10]ireo tanàna rehetra any Sihona, mpanjakan'ireo Amorita, izay manapaka any Hesebona, hatrany amin'ireo Amorita;
[11]Gileada, sy ireo faritra any Gesorita sy Makatita, ireo tendrombohitr'i Hermona, ireo Basana rehetra hatrany Salekà;
[12]ireo fanjakana rehetr'i Oga any Basana, izay nanjaka tany Astarta sy Edrehy—ireo no sisa tavela tamin'i Refaita—Namono azy ireo i Mosesy ary nandroaka azy ireo.
[13]Fa ireo olon'Israely dia tsy nandroaka ireo Gesorita na Makatita. Fa kosa, Gesora sy Makata dia nonina teo amin'ireo Israely tamin'izany andro izany.
[14]Tamin'ny fokon'i Levy irery no tsy nanomezan'i Mosesy lova. Ireo fanatitr'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, vita tamin'ny afo, sy ireo lovan'izy ireo, araka ny nolazain'Andriamanitra an'i Mosesy.
[15]Mosesy nanome lova tamin'ireo fokon'i Robena, isam-poko. [16]Ny faritr'izy ireo dia avy any amin'i Aroera, any amoron'ny Reniranon'ny Arnona, ary ilay tanàna izay eo afovoan'ny lohasaha, sy any amin'ireo lemaka akaikin'i Medeba.
[17]Nandray an'i Robena ihany koa i Hesbona sy ireo tanàna rehetra izay any amin'n, Dibona, sy Bamota-Bala, ary Beti-Bala-Meona, [18]Jahaza, Kedemota, sy Mefata, [19]sy Karia-taima, sy Sibama, ary Zareta-sahara eny an-tampon-kavoana.
[20]Nandray an'i Beti-peora ihany koa i Robena, ireo hantan'i Pisga, Beti-jesimota, [21]sy ireo tanànan'ny lemaka, ary ireo fanjakan'i Sihona mpanjakan'ireo Amorita, izay nanjaka tany Hesbona, izay noresen'i Mosesy niaraka tamin'ireo mpitarika Madiana, Evi, Rekema, Sora, Hora, sy Reba, ilay andrian'ny Sihona, izay nonina tao amin'ny tany.
[22]Ny vahoakan'Israely ihany koa dia namono tamin'ny sabatra an'i Balama zanaka lahin'i Beora, izay nanao sikidy, tamin'ny sisa tamin'ireo izay novonoina. [23]Ny onin'i Jordana no sisin'ny fokon'i Robena; izany no sisin-tanin'izy ireo. Izany no lovan'ny fokon'i Robena, nomena tamin'ny isam-pokon'ny tsirairary, niaraka tamin'ireo tanàn'izy ireo sy ireo vohitra.
[24]Izany no nomen'i Mosesy tamin'ny fokon'i Gada, isam-poko: [25]ny faritr'Izy ireo dia Jazera, Ireo tanànan'i Gileada rehetra sy atsasaky ny tanin'ireo Amonita, Aroera, izay any atsinanan'i Rabà, [26]any Hesbona ka hatrany amin'i Ramata-mizpa sy Betonima, any Mahanaima any amin'ny faritr'i Debira.
[27]ny amin'ny lohasaha, Mosesy dia nanome an'i Beti-harama, Beti-nimra, Sokota, Zafona, ireo sisa tamin'ny fanjakan'i Sihona mpanjakan'i Hesbona, miaraka amin'i Jordana ho sisiny, hatramin'ny faran'ny ranomasin'i Kinereta, atsinanan'ny an-dafin'i Jordana. [28]Izany no lovan'ny fokon'i Gada, isam-poko, miaraka amin'ireo tanàna sy ireo vohitra.
[29]Mosesy nanome lova tamin'ny atsasaky ny fokon'i Manase. Izany dia notendrena tamin'ny atsasaky ny fokon'ny olon'i Manase, araka ny fokon'izy ireo. [30]Avy any Mahanaima ny faritr'izy ireo, i Basana rehetra, ny fanjakan'i Oga mpanjakan'i Basana rehetra, sy ireo tanànan'i Jaira rehetra, izay tany Basana, tanàna enim-polo; [31]atsasak'i Gileada, sy Astarta ary Edrehy (ireo tanànan'ny mpanjakan'i Oga any Basana). Ireo no voatendry tamin'ilay fokon'i Makira zanaka lahin'i Manase—atsasaky ny olon'i Makira, izay nomena ny tsirairay amin'ireo fianakaviany.
[32]Izany ny lova izay notendren'i Mosesy azy ireo teo amin'ny lemak'i Moaba, any an-dafin'ny Jordana atsinanan'ny Jeriko.
[33]Mosesy dia tsy nanome lova ny fokon'ny Levi. Fa Yaveh, Ilay Andriamanitr'Israely, no lovan'izy ireo, araka izay nolazainy tamin'izy ireo.

14 [1]Ireto avy ary ny faritry ny tany izay noraisin'ny vahoakan'Israely ho lovan'izy ireo tany amin'ny tany Kanàna, notendrena ho azy ireo tamin'i Eleazara mpisorona, tamin'i Josoa zanak'i Nona, ary tamin'ny mpitari-pokon'ny fianakavian'ny razan'izy ireo niaraka amin'ny vahoakan'Israely.
[2]Ny lovan'izy ireo dia voafantina tamin'ny loka ho an'ireo sivy sy ny antsasak'ireo foko, araka izay nandidian'i Yaveh tamin'ny tanan'i Mosesy. [3]Fa efa nomen'i Mosesy lova ny amin'ny roa sy antsasak'ireo foko tany an-dafin'i Jordana, kanefa izy tsy nanome lova ireo Levita. [4]Fa raha ny marina dia foko roa ny fokon'i Josefa, dia Manase sy Efraima. Tsy nomena anjara lova tany amin'ny tany ireo Levita, fa tany amin'ireo tanàna sasany ihany mba honenana, mbanin'ireo tanim-bilona ho an'ny biby fiompy sy ireo fitaovam-pamokaran'izy ireo. [5]Dia nanao araka ny nandidian'i Yaveh an'i Mosesy ny vahoakan'Israely, ka notendren'izy ireo ny tany.
[6]Dia tonga tany amin'ny Josoa tany amin'ny Gilgala ny fokon'ny Joda. Kaleba zanak'i Jefona Kenizita, niteny taminy hoe: "Fantatrao izay nolazain'i Yaveh an'i Mosesy ilay lehilahin'Andriamanitra mahakasika ahy sy ianao tany Kadesi-Barnea.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Efapolo taona aho raha nalefan'i Mosesy mpanompon'i Yaveh avy any Kadesi-Barnea mba hisafo ny tany. Notateriko taminy indray ny tatitra mba hatao araka ny tian'ny foko hatao.
[8]Fa ireo rahalahiko izay nandeha niakatra niaraka tamiko nampalemy ny fon'ny vahoakany tamin'ny tahotra. Nefa narahiko tanteraka i Yaveh Andriamanitro. [9]Nianiana i Mosesy tamin'izany andro izany, ary nanao hoe: 'Azo antoka fa ny tany izay nandehanan'ny tongotrao dia ho lova ho anao sy ny zanakao mandrakizay, satria nanaraka tanteraka an'i Yaveh Andriamanitro ianao.'
[10]Ary, indro! Yaveh nitazona ahy ho velona nandritra izay dimy amby efapolo taona izay araka izay nolazainy—tamin'ny fotoana izay nilazan'i Yaveh izany teny izany tamin'i Mosesy, nandritra ny nandehanan'Israely tany an'efitra. Ary indro! Dimy amby valopolo taona aho amin'izao andro izao. [11]Mbola matanjaka hatrany aho amin'izao andro izao toy ny tamin'ny andro nandroahan'i Mosesy ahy. Ny tanjako amin'izao dia toy ny tanjako tamin'izany, tamin'ny ady sy tamin'ny nandeha sy niverina.
[12]Ka noho izany omeo ahy ity tany havoana ity, izay nampanantenain'i Yaveh ahy tamin'izany andro izany. Satria renao tamin'izany andro izany i Anakita tany amin'ireo tanàna mimanda lehibe. Mety homba ahy Yaveh mba hahafahako mandroaka azy ireo, araka ny nolazain'i Yaveh."
[13]Avy eo dia nitso-drano azy i Josoa ary nanome an'i Hebrona ho lovan'i Kaleba zanak'i Jefone. [14]Noho izany dia lasa mpandova an'i Kaleba zanaka lahin'i Jefone ilay Kenizita i Hebrona mandrak'ankehitriny, satria nanaraka an'i Yaveh tokoa izy, ilay Andriamanitr'Israely. [15]Ary dia Kiriata no anaran'i Hebrona taloha. (Arba no lehilahy lehibe indrindra eo amin'i Anakita.) Dia nitsahatra tamin'ny ady ny tany.

15 [1]Ny anjara tanin'ny fokon'ny vahoakan'i Joda, nomena ny fokon'izy ireo, dia nihitatra nianatsimo nankany amin'ny sisin-tanin'i Edoma, niaraka tamin'ny efitr'i Sina izay fefy lavitra indrindra any atsimo. [2]Ny sisin-tanin'izy ireo any atsimo dia nanomboka teo amin'ny faran'ny Ranomasin-tsira, ka hatrany amin'ny helo-drano izay manatrika ny atsimo.
[3]Ny sisin-tanin'izy ireo manaraka dia nivoaka tao atsimon'ny havoan'i Akrabima ary nanaraka an'i Sina, sy niakatra atsimon'i Kadesy Barnea, manaraka an'i Hezrona, ary miakatra an'i Adara, eo amin'izay iolanan'izany mankany Karka.
[4]Nanaraka an'i Azmona, nahazo ny lohasahan-driakan'i Egypta, ary niafara tany an-dranomasina izany. Izany no faritanin'izy ireo atsimo.
[5]Ny sisin-tany atsinanana dia ny Ranomasin-tsira, eo am-bavan'i Jordana. Ny faritany any avaratra dia avy eo amin'ny lohasahan-driakan'ny ranomasina ka hatreo am-bavan'i Jordana. [6]Niakatra tao Beti-hogla ary nanaraka ny avaratr'i Bet-araba izany. Avy eo izany dia niakatra nankany amin'ny Vaton'i Bohana zanaka lahin'i Robena.
[7]Ary ny faritany dia niakatra tany Debira hatrany amin'ny Lohasahan'i Akora, ary nianavaratra, niodina nanaraka an'i Gilgala, izay tandrifin'ny havoan'i Adomina, izay any amin'ny lafy avaratry ny lohasaha. Avy eo ilay faritany nanaraka ny loharanon'i Ensemesy ary nandeha tany En-rogela. [8]Dia niakatra ny lohasahan'i Beni-Hinoma ka hatrany amin'ny lafy atsimon'ny tanànan'ny Jebosita (izay, i Jerosalema) ny faritany. Dia niakatra hatrany amin'ny tendron'ny havoana izay manarona ny lohasahan'i Hinoma, any avaratra, izay ao amin'ny farany avaratry ny lohasahan'i Refaita izany.
[9]Ary ny faritany nihitatra hatreo amin'ny tendron'ireo havoana ka hatrany amin'ny loharanon'i Neftoa, ary nivoaka avy teo ka hatrany amin'ireo tanàna tao an-tendrombohitra Efrona. Ary ny faritany dia nanodidina an'i Bala (mitovy amin'i Kiriata-jearima). [10]Ary ny faritany nanodidina ny atsinanan'i Bala hatrany amin'ny Tendrombohitra Seira, ary nanaraka ny lafin'ny Tendrombohitra Jearima any avaratra (mitovy amin'i Kesalona), nidina hatrany Beti-semesy, ary nanapaka ny Timna.
[11]Nivoaka akaikin'ny avaratry ny havoana Ekrona ny faritany, ary dia nihodidina an'i Sikerona sy nanaraka ny Tendrombohitra Bala izany, avy eo dia nankany Jabniela izany. Nifarana tao an-dranomasina ny faritany. [12]Ny sisin-tany andrefana dia ny Ranomasina Lehibe sy ny morony. Io no faritany manodidina ny fokon'i Joda, isam-poko.
[13]Amin'ny fitandreman'i Josoa ny didin'i Yaveh, dia nanome an'i Kaleba zanaka lahin'i Jefone anjara amin'ny tany eo amin'ireo fokon'i Joda, Kiriata Arba, izay, Hebrona (Arba dia rain'i Anàka) i Josoa. [14]Nandroaka ny zanak'i Anàka telo lahy tao i Kaleba: Sesay, Ahimana ary Talmay, ireo taranak'i Anàka. [15]Niakatra avy teo izy hanohitra ireo mponin'i Debira (Debira dia nantsoina hoe Kiriata-sefera taloha).
[16]Hoy Kaleba hoe: "Ny olona izay manafika an'i Kiriata-sefera sy mahazo izany, dia ho azy no hanomezako an'i Aksa zanako vavy ho vady." [17]Ary Otniela zanaka lahin'i Kenaza, rahalahin'i Kaleba, rehefa nahazo izany, dia nomen'i Kaleba azy ho vadiny i Aksa zanany vavy.
[18]Fotoana fohy taorian'izany, dia nankany amin'i Otniela i Aksa ary namporisihany hangataka saha tany amin'ny rainy izy. Rehefa nidina tamin'ny borikiny izy, dia hoy Kaleba taminy hoe: "Inona no ilainao?"
[19]Namaly Aksa hoe: "Manaova zavatra miavaka ho ahy, satria efa nanome ahy ny tany Negeva ianao: dia omeo ahy koa ireo loharano sasany." Dia nomen'i Kaleba azy ireo loharano ambony sy ireo loharano ambany.
[20]Izany no lovan'ny fokon'i Joda, nomena ireo fokony.
[21]Ireo tanàna izay an'ny fokon'i Joda any amin'ny farany atsimo, amin'ny faritanin'i Edoma, dia Kabzela, Edera, Jagora, [22]Kina, Dimona, Adada, [23]Kadesy, Hazora, Itnana, [24]Zifa, Talema, Bealota.
[25]Hazora-hadata, Keriota-hezrona (io ihany koa dia fantatra tamin'ny hoe Hazora), [26]Amama, Sema, Molada, [27]Hazara-gada, Hesmona, Beti-paleta, [28]Hazara-soala, Beri-sheba, Biziotia.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[29]Bala, le, Azema, [30]Eltolada, Kesila, Horma, [31]Ziklaga, Madmana, Sansana, [32]Lebaota, Silima, Aina, ary Rimona. Ireo no tanàna sivy amby roapolo ny fitambarany, miaraka amin'ireo vohitra keliny.
[33]Tao amin'ny tany havoana iva indrindra any andrefana, dia nisy an'i Estaola, Zora, Asna, [34]Zanoa, En-ganima, Tapoa, Enama, [35]Jarmota, Adolama, Soko, Azeka, [36]Saraima, Aditaima, ary Gadera (izay, Gederotaima). Efatra ambin'ny folo isa ireo tanàna ireo, miaraka amin'ireo vohitra keliny.
[37]Zenana, Hadasa, Migdala-gada, [38]Dilana, Mizpa, Joktela, [39]Lakisy, Bozkata, Eglona.
[40]Kabona, Lamasa, Kitilisa, [41]Gederota, Beti-dagona, Nama, Makeda. Enina ambin'ny folo ny isan'ireo tanàna ireo, miaraka amin'ireo vohitra keliny.
[42]Libna, Atera, Asana, [43]Jifta, Asna, Neziba, [44]Kila, Akziba, Maresa. Tanàna sivy ireo, miaraka amin'ireo vohitra keliny.
[45]Ekrona, miaraka amin'ireo tanàna sy ireo zana-bohitra manodidina izany; [46]avy eo Ekrona ka hatrany amin'ny Ranomasina Lehibe, ireo fonenana rehetra izay akaiky an'i Asdoda, miaraka amin'ireo vohitra keliny. [47]Asdoda, ireo tanàna sy ireo zana-bohitra manodidina izany; Gaza, ireo tanàna sy ireo zana-bohitra manodidina izany; hatrany amin'ny lohasahan-driak'i Egypta, ary hatrany amin'ny Ranomasina Lehibe miaraka amin'ny morontsirak'izany.
[48]Ao amin'ny tany havoana, Samira, Jatira, Soko, [49]Dana, Kiriata-sana (izay, Debira), [50]Anaba, Estemo, Anima, [51]Gosena, Holona, ary Gilo. Iraika ambin'ny folo ireo tanàna ireo, miaraka amin'ireo vohitra keliny.
[52]Araba, Doma, Esana, [53]Janoma, Beti-tapoa, Afeka, [54]Honta, Kiriat-arba (izy, Hebrona), ary Ziora. Sivy ireo tanàna ireo, miaraka amin'ireo vohitra keliny.
[55]Maona, Karmela, Zifa, Jota, [56]Jezirela, Jokdeama, Zanoa, [57]Kaina, Gibea, Timna. Folo ireo tanàna ireo, miaraka amin'ireo vohitra keliny.
[58]Halola, Beti-zora, Gedora, [59]Marata, Bet-anota, ary Elketona. Enina ireo tanàna ireo, miaraka amin'ireo vohitra keliny.
[60]Kiriata-bala (izay, Kiriata-jearima), ary Raba. Roa ireo tanàna ireo, miaraka amin'ireo vohitra keliny. [61]Ao an'efitra, dia misy an'i Bet-araba, Midina, Sekaka, [62]Nisbana, ny Tanànantsira, ary En-jedy. Enina ireo tanàna ireo, miaraka amin'ireo vohitra keliny.
[63]Fa ireo Jebosita, ireo mponin'i Jerosalema, ny fokon'i Joda dia tsy afaka nandroaka azy ireo, ka dia nipetraka tao niaraka tamin'ny fokon'i Joda mandrak'ankehitriny ireo Jebosita.

16 [1]Ny zara-tanin'ny fokon'i Josefa dia nihitatra nanomboka tany Jordana ka hatrany any Jeriko, atsinanan'ny loharanon'i Jeriko, mankany an'efitra, niakatra avy ao Jeriko hatrany amin'ny tany havoan'i Betela. [2]Avy eo izany dia nankany Betela ka hatrany Lozy ary namakivaky hatrany Atarota, ilay fari-tan'ny Arkita.
[3]Dia nidina niankandrefana nahazo ny faritan'ny Jafletita izany hatrany amin'ny faritany ambanin'i Bedhorona, ary avy eo nankany Gazera; dia nifarana tany amin'ny ranomasina.[4]Izany no fomba nahazoan'ireo fokon'i Josefa, Manase sy Efraima ny lovan'izy ireo.
[5]Ny faritanin'ny fokon'i Efraima izay notendrena ho an'ny fokon'izy ireo dia tahaka izao manaraka izao: ny faritanin'ny lovan'izy ireo any atsinanana dia niala an'ny Atarot-adara nankany Beti-horona ambony, [6]ary nitohy hatrany an-dranomasina izany. Avy any Mikmeta avaratra izany no nivily niatsinanana nankany Tanata-silo ary nahazo ny sisin'izany any atsinanana hatrany Janoha. [7]Dia nidina avy any Janoha nahazo an'i Atarota sy Narata izany, ary avy eo nahatratra an'i Jeriko, ary nifarana tany Jordana.
[8]Avy ao Tapoa ilay faritany dia nizotra niankandrefana ho amin'ny lohasahan'i Kana ary niafara tany an-dranomasina. Izany no lovan'ny fokon'i Efraima, voatendry ho an'ny fianakaviamben'izy ireo, [9]niaraka tamin'ireo tanàna izay nosafidiana ho an'ny fokon'i Efraima mbanin'ny lovan'ny fokon'i Manase__ireo tanàna rehetra, mbamin'ireo vohitr'izy ireo.
[10]Tsy nandroaka ireo Kananita izay nonina tany Gazera izy ireo, ka miana miaraka amin'i Efraima mandrak'ankehitriny ireo Kananita, saingy nampanaovina asa an-terivozona ireo vahoaka ireo.

17 [1]Ity no zara-tanin'ny fokon'i Manase (izay lahimatoan'i Josefa) —izany hoe, ho an'i Makira, izay lahimatoan'i Manase sy ny tenany izay rain'i Gileada. Ny tanin'i Gileada sy Basana dia notendrena ho an'ireo taranak'i Makira, satria Makira dia lehilahin'ady. [2]Ny tany dia notendrena ho an'ny ambin'ny fokon'i Manase, nomena ireo fokon'izy ireo—dia i Abi-ezera, Heleka, Asriela, Sekema, Hefera, ary Semida. Ireo no taranaka lahin'i Manase zanaka lahin'i Josefa, natolotr'ireo fokon'izy ireo.
[3]Ary Tselofehada zanaka lahin'i Hefera zanak'i Gileada zanak'i Makira zanak'i Manase dia tsy nanan-janaka lahy, fa zanaka vavy fotsiny ihany. Ireto avy ny anaran'ireo zanany vavy: Mahala, Noha, Hogla, Milka, ary i Tiriza. [4]Nanatona an'i Eleazara ilay mpisorona, Josoa zanaka lahin'i Nona, sy ireo loholona izy ireo, ary hoy izy ireo hoe: "'Yaveh no nandidy an'i Mosesy hanome antsika lova miaraka amin'ireo rahalahintsika." Noho izany, ny fanarahana ireo didin'i Yaveh, no nanomezany lova ho an'ireo vehivavy ireo teo amin'ireo rahalahin-drain'izy ireo.
[5]Ny tsinjaran- tany folo tao Gileada sy Basana dia notendrena ho an'i Manase, izay eny am-pitan'i Jordana, [6]satria ireo zanaka vavin'i Manase dia nandray lova niaraka tamin'ireo zanany lahy. Ny tanin'i Gileada dia notendrena ho an'ny ambin'ny fokon'i Manase.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Ny faritanin'i Manase dia tonga hatrany Asera ka hatrany Mikmetata, izay any antsinanan'i Sekema. Ary ny sisin-tany dia nandeha nianatsimo nankany amin'ireo izay mipetraka akaikin'ny faritanin'i Topoa. [8](Ny tanin'i Topoa dia an'i Manase, saingy ny tanàn-dehiben'i Topoa eo amin'ny sisin-tanin'i Manase kosa dia an'ny fokon'i Efraima.)
[9]Ny faritany dia midina mankany amin'ny lohasahan-driakan'i Kana. Ireo tanàna atsimon'ny lohasahan-driaka eo amin'ny tanàn-dehiben'i Manase dia an'i Efraima. Ny faritanin'i Manase dia any avaratry ny lohasahan-driaka, ary mifarana any amin'ny ranomasina. [10]Ny tany any atsimo dia an'i Efraima, ary ny tany any avaratra dia an'i Manase; ny ranomasina no faritany. Any amin'ny sisiny avaratr'i Asera, ka hatrany amin'ny atsinanana, dia i Isakara.
[11]Any Isakara sy any Asera ihany koa, Manase dia nanana an'i Beti-sana sy ireo tanànany, Ibleama sy ireo tanànany, ireo mponin'i Dora sy ny tanànany, ireo mponin'i En-dora sy ny tanànany, ireo mponin'i Tanaka sy ny tanànany, ary ireo mponin'i Megido sy ny tanànany (ary ny tanàna fahatelo dia i Naftea). [12]Mbola tsy afaka maka ho fananana an'ireo tanàna ireo ny fokon'i Manase, satria ireo Kananita dia mbola mipetraka ao amin'io tany io.
[13]Rehefa niha-natanjaka ny vahoakan'Israely, dia noteren'izy ireo hiasa ireo Kananita, fa tsy noroasiny tanteraka.
[14]Avy eo ireo taranak'i Josefa niteny tamin'i Josoa, nanao hoe: "Nahoana no asan'ny tany iray ihany no natolotrao ho anay ary tsinjara iray amin'ny lova, kanefa vahoaka be an'isa izahay, ary efa notahian'i Yaveh izahay rehetra? [15]Hoy Josoa tamin'izy ireo: "Raha vahoaka be an'isa ianareo, dia miakara any anaty ala ny tenanareo ary tapaho ireo hazo ao amin'ny tanin'i Perizita sy Refaita any. Ataovy izany, satria ny havoan'ny firenen'i Efraima dia kely ho anareo."
[16]Hoy ireo taranak'i Josefa: "Tsy ampy anay ny havoana. Fa ireo Kananita izay mipetraka any amin'ny lohasaha dia manana kalesy vy, ireo any Beti-sana sy ny tanànany, ary ireo izay any amin'ny lohasahan'i Jezirela. [17]Ary hoy i Josoa tamin'ny ankohonan'i Josefa-tamin'i Efraima sy Manase: "Vahoaka be an'isa ianareo, ary manana hery lehibe. Tsy tokony ho zaran-tany iray ihany no notendrena ho anareo. [18]Ny havoana ihany koa dia ho anareo. Na ny alan'izany, dia ho tapahanareo ka ataovy fananana hatrany amin'ny sisiny lavitra indrindra izany. Hamoaka ireo Kananita ianareo, na dia manana kalesy vy aza izy ireo, na dia matanjaka aza izy ireo."

18 [1]Dia niara-nivory tao Silo ny fiangonan'ny vahoakan'Israely manontolo. Tao no nanorenan'izy ireo ny lay fihaonana sy nandresen'izy ireo ny tany nanoloana azy ireo. [2]Mbola nisy fito ireo foko teo amin'ny vahoakan'Israely izay tsy notendrena ny lovany.
[3]Dia hoy Josoa tamin'ny vahoakan'Israely hoe: "Mandra-pahoviana no mbola hihemoranareo tsy handeha ao amin'ny tany izay nomen'i Yaveh, Andriamanitr'ireo razanareo, anareo?[4]Manendre telo lahy ho anareo isaky ny foko tsirairay, ary izaho kosa haniraka azy ireo. Dia hiainga sy hitety ny tany ambony sy ambany izy ireo. Dia hanoratra ny famaritana izany izy ireo araka izay tiany ho lovany, ary hiverina aty amiko izy ireo avy eo.
[5]Dia ho zarain'izy ireo ho faritra fito izany. Joda hijanona any amin'ny faritaniny any atsimo, ary ny ankohonan"i Josefa hanohy ny faritanin'izy ireo any avaratra. [6]Faritra fito no hamaritanareo ny tany ary avereno eto amiko ny famaritana. Dia hanao an-tsapaka ho anareo aho eto anatrehan'i Yaveh Andriamanitsika.
[7]Ireo Levita dia tsy manana anjara eo aminareo, fa ny fisoronana ho an'i Yaveh no lovan'izy ireo. Gada, Robena, ary ny antsasa-pokon'i Manase dia nahazo ny lovan'izy ireo, tany an-dafin'i Jordana. Izany no lova izay nomen'i Mosesy mpanompon'i Yaveh azy ireo."
[8]Dia nifoha ireo lehilahy ka nandeha. Dia nodidian'i Josoa ireo izay nandeha namaritra ny tany, nanao hoe: "Mandehana mitety ny tany ka farito izany ary miverena eto amiko. Dia hanao antsapaka ho anareo eto anatrehan'i Yaveh aty Silo aho." [9]Dia nandeha ireo lehilahy ka nitety ny tany ambony sy ambany ary namaritra izany tanaty horonan-taratasy araka ireo tanànany anaty faritra fito, handaharana ireo tanàna isaky ny faritra tsirairay. Dia niverina tany amin'i Josoa tao an-toby tao Silo izy ireo avy eo.
[10]Dia nanao antsapaka ho azy ireo tao Silo teo anatrehan'i Yaveh i Josoa. Tao no nanendren'i Josoa ny tany ho an'ny vahoakan'Israely, ary ny tsirairay dia samy nomena ny anjara taniny avy.
[11]Ny fanendrena ny tany ho an'ny fokon'i Benjamina dia nomena ny isam-pokon'izy ireo tsirairay. Ny faritanin'ny tany izay voatendry ho azy ireo dia voafaritra teo anelanelan'ireo taranak'i Joda sy ireo taranak'i Josefa.[12]Tany amin'ny ilany avaratra, tany Jordana no nanombohan'ny faritanin'izy ireo. Ny faritany dia niakatra hatrany amin'ny ilany avaratr'i Jeriko, ary avy eo niakatra nanavatsava ny tany havoana andrefana. Hatreo izany dia nanjohy ny efitr'i Betavena.
[13]Hatreo dia nandalo nianatsimo nizotra nankany Lozy (Betela izany) ny faritany. Avy eo nidina hatrany amin'i Atarot-adara ny faritany, ao amin'ny tendrombohitra izay manitsaka ny atsimon'i Beti-horona.[14]Nizotra nanaraka lalan-kafa ny sisin-tany noho izany: any amin'ny ilany andrefana izany no miholika mianatsimo, dia mitodi-doha amin'ny tendrombohitra am-pitan'i Beti-horona. Io sisin-tany io dia mifarana any Kiriata-bala (Kiriata-jearima izany), tanàna iray izay an'ny fokon'i Joda. Izany no tonga faritany tany amin'ny faritra andrefana.
[15]Nanomboka teo ivelan'i Kiriata-jearima ny lafiny atsimo. Niainga teo ny faritany dia nanjohy an'i Efrona, hatrany amin'ireo loharanon'i Neftoa.[16]Ny sisin-tany noho izany dia nidina nanjohy ny manodidina ny tendrombohitra izay tandrifin'ny lohasahan'i Ben-hinoma, izay tany amin'ny morony avaratry ny lohasahan'i Refaima. Dia nidina hatrany amin'ny lohasahan'i Hinoma izany, atsimon'ny hantsan'ireo Jebosita, ary nitohy nidina hatrany En-Rogela.

[17]Dia nitodika nianavaratra izany, nizotra nankamin'i En-semesy, ary avy teo dia nivoaka nankany Gelilota izany, izay tandrifin'ny fiakaran'i Adomima. Ary nidina hatrany amin'ny Vaton'i Bohana zanaka lahin'i Robena izany. [18]Nandroso hatramin'ny ilany avaratr'i Beti-arabà izany ary nidina nankamin'i Arabà.
[19]Dia nandroso nanjohy ny ilany avaratr'i Beti-Hogla ny faritany. Nifarana tany amin'ny helo-drano avaratry ny ranomasin-tsira izany, any amin'ny morony atsimon'i Jordana. Izany no sisin-tany tany an-tsimo. [20]Dia tonga faritanin'i Jordana ny ilany atsinanana. Izany no lovan'ny fokon'i Benjamina, ary natolotra ny isam-pokon'izy ireo tsirairay izany, faritany isa-paritany, ny manodidina rehetra.
[21]Ary ireo tanànan'ny fokon'i Benjamina araka ny isam-pokon'izy ireo dia Jeriko, [22]Beti-Hogla, Emeka Keziza, Bet-araba, Zemaraima, Betela, [23]Avima, Para, Ofra, [24]Kefara-hamony, Ofny, ary Geba. Roa ambin'ny folo ireo tanàna ireo, ansisan'izany ireo zana-bohiny.
[25]Ao ihany koa ireo tanànan'i Gibeona, Ramà, Berota,[26]Mizpà, Kefirà, Mozà,[27]Rekema, Irpela, Taralà,[28]Zelà, Haelefa, Jebosita (Jerosalema izany), Gibeà, ary Kiriata. Efatra ambin'ny folo ireo tanàna ireo, anisan'izany ireo zana-bohiny. Izany no lovan'i Benjamina ho an'ny fokon'izy ireo.

19 [1]Ny antsapaka faharoa dia lasan'i Simeona ka notendrena ho an'ny tsirairay amin'ireo fokony izany. Ny lovan'izy ireo dia teo afovoan'ny lova izay an'ny fokon'i Joda.
[2]Nanana an'i Beri-sheba, Seba, Molada, [3]Hazara-soala, Bala, Azema, [4]Eltolada, Betola, ary Horma ho lovany izy ireo.
[5]Simeona ihany koa dia nanana an'i Ziklaga, Beti-markabota, Hazara-sosa, [6]Beti-lebaota, ary Sarohena. Ireo no tanàna telo ambin'ny folo, miaraka amin'ireo zana-bohiny. [7]Simeona ihany koa dia nanana an'i Aina, Rimona, Etera, ary Asana. Ireo no tanàna efatra, miaraka amin'ireo zana-bohiny.
[8]Ireo dia niaraka tamin'ireo zana-bohitra manodidina ireo tanàna ireo hatrany Bale-tabera (mitovy amin'i Rama tao Negeva). Izany no lovan'ny fokon'i Simeona, nomena ireo fokony. [9]Ny lovan'ny fokon'i Simeona dia nanomezana ny faritry ny fokon'i Joda. Satria tena lehibe loatra ho azy ireo ny anjara-tany notendrena ho an'ny fokon'i Joda, dia nandray ny lovan'izy ireo tamin'ny afovoan'ny anjarany ny fokon'i Simeona.
[10]Ny antsapaka fahatelo dia azon'ny fokon'i Zebolona, ary nomena ireo fokony izany. Ny faritry ny lovany dia nanomboka tao Sarida. [11]Ny faritaniny niakatra niakandrefana hatrany Marala ary nahazo an'i Dabeseta; dia nihitatra hatrany amin'ny lohasahan-driaka izay tandrifin'i Jokneama.
[12]Hatreo Sarida ny faritany dia nihodina miatsinanana hatrany atsinanana ka hatramin'ny faritanin'i Rislota-tabara.
[13]Hatreo dia nandeha hatrany Daberata ary niakatra hatrany Jafia izany. Hatreo dia nandalo ny atsinanana hatrany Gata-hefera izany, ary hatrany Ita-kazina; avy eo nandroso hatrany Rimona ary niodina nankany Nea.
[14]Ny faritany nihodina mianavaratra hatrany Hanatona ary nifarana teo amin'ny lohasahan'i Jifta-ela. [15]Tafiditra amin'io faritra io ireo tanànan'i Katata, Nahalola, Simrona, Idala, ary Betlehema. Dia tanàna roa ambin'ny folo, miaraka amin'ireo zana-bohiny. [16]Izany no lovan'ny fokon'i Zebolona, izay nomena an'ireo fokony—ireo tanàna, miaraka amin'ireo zana-bohiny.
[17]Ny antsapaka fahefatra dia lasan'i Isakara, ary nomena ireo fokony izany. [18]Ny faritanin'izy ireo dia ahitana an'i Jezirela, Kesolota, Sonema, [19]Hafraima, Siona, ary Anaharata.
[20]Tafiditra amin'izany ihany koa Rabita, Kisiona, Abeza, [21]Rameta, Enganima, Enhada, Beti-pazera. [22]Ireo faritaniny ihany koa dia nahazo an'i Tabara, Sahazoma, sy Beti-semesy, ary niafara tao Jordana. Dia tanàna enina ambin'ny folo, miaraka amin'ireo zana-bohiny.
[23]Izany no lovan'ny fokon'i Isakara, ary nomena ireo fokony izany—ireo tanàna, miaraka amin'ireo zana-bohiny.
[24]Ny antsapaka fahadimy dia lasan'ny fokon'i Asera, ary nomena ireo fokony. [25]Tafiditra amin'ny fari-tanin'izy ireo i Helkata, Haly, Batena, Aksafa, [26]Alameleka, Amada, ary Misala. Eo amin'ny sisin-tany andrefana ary nihitatra hatrany Karmela sy Sihora-libnata.
[27]Dia nihodina miatsinanana hatrany Beti-dagona ary nanalavitra hatrany Zebolona izan, ary dia hatrany amin'ny lohasahan'i Jifta-ela, nianavaratra hatrany Bet-emeka sy Neiela. Dia nitohy mianavaratra hatrany Kabola izany. [28]Dia nandroso hatrany Ebrona, Rehoba, Hamona, ary Kana, ka hatrany Sidona Lehibe izany.
[29]Ny faritany nitodika hatrany Rama, ary dia hatrany amin'ny tanàna mimandan'i Tyra. Ary ny faritany nitodika tany Hosa ary nifarana teo amin'ny ranomasina, tao amin'ny fari-tanin'i Akziba, [30]Oma, Afeka, ary Rehoba. Roa amby roapolo ireo tanàna ireo, miaraka amin'ireo zana-bohiny.
[31]Izany no lovan'ny fokon'i Asera, ary nomena ireo fokony izany—ireo tanàna, miaraka amin'ireo zana-bohiny.
[32]Ny antsapaka fahenina dia lasan'ny fokon'i Naftaly, ary nomeny ireo fokony izany. [33]Faritanin'izy ireo dia hatrany Halefa, hatrany amin'ny terebintana tao Zananima, hatrany Adami-hanekeba sy Jabniela, hatrany Lakoma; ary nifarana tao Jordana izany. [34]Ny faritany niodina niatsinanana hatrany Aznota-tabara ary hatrany Hokoka; nahazo an'i Zebolona eo atsimo izany, ary nahatratra an'i Asera ny tany andrefana sy Joda ny tany atsinanana tany amin'ny reniranon'i Jordana.
[35]Ireo tanàna mimanda dia Zidima, Zera, Hamata, Rakata, Kinereta, [36]Adama, Rama, Hazora, [37]Kadesy, Edrehy, ary En-hazora.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[38]Nisy an'i Irona, Migdaela, Horema, Bet-anata, ary Beti-semesy ihany koa. Ireo no tanàna sivy ambin'ny folo, miaraka amin'ireo zana-bohiny. [39]Izany no lovan'ny fokon'i Naftaly, ary nomena ireo fokony izany—ireo tanàna, miaraka amin'ireo zana-bohiny.
[40]Ny loka fahafito dia lasan'ny fokon'i Dana, ary nomena ireo fokony izany. [41]Tafiditra amin'ny fari-tanin'izany lova izany Zora, Estaola, Ira-semesy, [42]Salabima, Aijalona, ary Itla.
[43]Tafiditra anatin'izany koa Elona, Timna, Ekrona, [44]Elteke, Gibetona, Baleta, [45]Jehoda, Bene-beraka, Gat-rimona, [46]Me-jarkona, ary Rakona miaraka amin'ny faritany ampitan'i Jopa.
[47]Rehefa votsotra tamin'izy ireo ny faritanin'ny fokon'i Dana, dia nanafika an'i Lesema i Dana, niady nanohitra azy, ary nahababo azy. Novonoin'izy ireo tamin'ny sabatra ny olon-drehetra, naka izany ho fananana, ary nitoetra tao. Nomen'izy ireo anarana vaovao i Lesema, niantso izany hoe Dana araka ny razamben'izy ireo. [48]Izany no lovan'ny fokon'i Dana, ary nomena ireo fokony izany—ireo tanàna, miaraka amin'ireo zana-bohiny.
[49]Rehefa nahavita ny fizarana ny tany ho lova izy ireo, dia nanome lova teo amin'izy ireo ho an'i Josoa zanaka lahin'i Nona ny vahoakan'Israely. [50]Tamin'ny alalan'ny didin'i Yaveh no nanomezan'izy ireo azy ny tanàna izay nangatahiny, Timna-sera ao amin'ny tany havoan'i Efraima. Naveriny namboarina ny tanàna ary nipetraka tao izy.
[51]Ireo no lova izay notendren'i Eleazara mpisorona, Josoa zanaka lahin'i Nona, ary ireo mpitari-pokon'ireo ankohonan'ireo razambeny tao amin'ny vahoakan'Israely, voatendry tamin'ny loka tao Silo, teo anoloan'i Yaveh, teo amin'ny fidirana mankao amin'ny lay fihaonana. Ka dia nahavita nanendry ny tany izy ireo.

20 [1]Ary Yaveh niteny tamin'i Josoa hoe: [2]"Miresaha amin'ny vahoakan'Israely, manao hoe: "Tendreo ireo tanàna fialofana izay noresahako anao tamin'ny tanan'i Mosesy. [3]Ataovy izany mba hahafahan'izay namono olona tsinahy mankany. Ireo tanàna ireo dia ho toerana fialofana amin'ny olona izay mitady hamaly faty ny ràn'ny olona izay voavono.
[4]Hitsoaka any amin'ny iray amin'ireo tanàna ireo izy ka hijoro eo amin'ny fidiran'ny vavahadin'ny tanàna, ary hanazava ny tranga nahazo azy amin'ireo loholon'io tanàna io. Avy eo dia ho raisin'izy ireo ao amin'ny tanàna izy ary hanome toerana hipetrahana miaraka amin'izy ireo ho azy.
[5]Raha misy iray amin'izy ireo miezaka mamaly faty ny ràn'ilay olona novonoina, dia tsy ho atolotr'ireo vahoaka eo an-tanàna amin'ireo manam-pahefana ilay iray izay nahafaty azy. Tsy tokony hanao izany izy ireo satria nahafaty tsy nahy ilay mpiara-belona taminy izy, ary tsy nanana fankahalana taminy izy tany aloha. [6]Tsy maintsy mijanona ao amin'izany tanàna izany izy mandra-pijorony eo anatrehan'ny fiangonana ho tsaraina, mandra-pahafatin'ilay iray izay nanompo tahaka ny mpisoronabe tamin'izany andro izany. Ary ilay iray izay nanomo tsy nahy ilay olona dia afaka hiverina any an-tanànany sy ny tranony, any amin'ilay tanan-dehibe izay nandosirany."'
[7]Koa dia nisafidy an'i Kadesa ao Galilia tao amin'ny tany havoan'i Naftaly, Sekema ao amin'ny tany havoan'i Efraima, ary i Kiriat-arba (mitovy amin'i Hebrona) ao amin'ny tany havoan'i Jodia ireo Israelita. [8]Tany an-dafin'ny Jordana atsinanan'i Jeriko, dia nifidy an'i Bezera tany an'efitra teo amin'ny tany lemaka avy amin'ny foko Robena; Ramota Gileada, avy amin'ny fokon'i Gada; ary Golana ao Basana, avy amin'ny fokon' i Manase izy ireo.
[9]Ireo tanàna ireo no nofidiana ho an'ny vahoakan'Israely rehetra sy ho an'ireo vahiny mipetraka miaraka amin'izy ireo, mba hahafahan'izay nahavono olona tsy nahy mitsoaka any amin'izy ireo am-pilaminana. Io olona io dia tsy ho fatin'ny tanan'ilay iray izay naniry hamaly faty ny rà izay nalatsaka, mandra-pijoroan'ilay olona voampanga eo anatrehan'ny fiangonana.

21 [1]Ary ireo lohany tamin'ny fokon'ireo Levita nanatona an'i Eleazara mpisorona, an'i Josoa zanak'i Nona, sy ireo mpitarika ireo fianakavian'ny razamben'izy ireo teo amin'ny vahoakan'Israely. [2]Tao Silo tany amin'ny tany Kanana dia hoy izy ireo tamin'izy ireo hoe: "Nandidy anareo tamin'ny tanan'i Mosesy i Yaveh mba hanome anay tanàna honenana, miaraka amin'ny tanim-bilona ho an'ireo biby fiompinay."
[3]Nohon'ny baikon'i Yaveh, dia natolotry ny vahoakan'Israely avy amin'ny lovan'izy ireo ireto tanàna manaraka ireto, miaraka amin'ny tanim-bilon'izy ireo, ho an'ireo Levita.
[4]Ny an-tsapaka teo amin'ireo fokon'ny Kehatita dia nanome izao vokatra izao: Ireo mpisorona__ireo taranak'i Arona izay avy amin'ireo Levita__dia nahazo tanàna telo ambin'ny folo avy amin'ny fokon'i Joda, avy amin'ny fokon'i Simeona, ary avy amin'ny fokon'i Benjamina. [5]Ny sisa tamin'ireo fokon'ny Kehatita dia nahazo tanàna folo tamin'ny an-tsapaka avy tamin'ny isam-pianakavian'ireo fokon'i Efraima, Dana, ary avy amin'ny an-tsasaky ny fokon'i Manase.
[6]Avy eo ny taranaka avy amin'i Gersona nomena, tamin'ny an-tsapaka, tanàna telo ambin'ny folo avy amin'ny isam-pianakavian'ireo fokon'i Isakara, Asera, Naftaly, ary ny antsasaky ny fokon'i Manase any Basana. [7]Ireo vahoaka izay taranaka avy amin'i Merary kosa dia nahazo tanàna roa ambin'ny folo avy amin'ireo fokon'i Robena, Gada, ary Zebolona.
[8]Noho izany dia nomen'ny vahoakan'Israely an'ireo levita, tamin'ny antsapaka, ireo tanàna ireo (miaraka amin'ireo tanim-bilony), araka izay efa nandidian'i Yaveh tamin'ny tanan'i Mosesy. [9]Avy amin'ireo fokon'i Joda sy Simeona, dia nanendry tany araka ireto tanàna manaraka ireto izy ireo, tanisana eto araka ny anarana.[10]Ireo tanàna ireo dia nomena ny taranak'i Arona, izay anisan'ireo fokon'ny Kehatita, izay avy amin'ny fokon'i Levy kosa. Satria nitontona tao amin'izy ireo ny an-tsapaka voalohany.

[11]Dia nomen'ireo Israelita azy ireo i Kiriat-arba (Arba no rain'i Anaka), ilay tanàna mitovy amin'i Hesbona, ao amin'ny tany havoan'i Joda, miaraka amin'ireo tanim-bilona manodidina izany. [12]Fa ireo sahan'ny tanàna sy ireo zana-bohiny kosa dia efa nomena an'i Kaleba zanak'i Jefone, mba ho fananany.
[13]Ho an'ireo taranak'i Arona mpisorona dia nomen'izy ireo miaraka amin'ireo tanim-bilony Hebrona__izay tanàna iray fandosiran'ireo izay namono olona tsy nahy__ary Libna miaraka amin'ireo tanim-bilony, [14]Jatira miaraka amin'ireo tanim-bilony, ary Estemoa miaraka amin'ireo tanim-bilony.[15]Nomen'izy ireo koa Holona miaraka amin'ireo tanim-bilony, Debira miaraka amin'ireo tanim-bilony,[16]Aina miaraka amin'ireo tanim-bilony, Jota miaraka amin'ireo tanim-bilony, ary Beti-semesy miaraka amin'ireo tanim-bilony. Sivy ireo tanàna izay azo avy amin'ireo foko roa ireo.
[17]Avy tamin'ny fokon'i Benjamina no nahazoana an'i Gibeona miaraka amin'ireo tanim-bilony, Geba miaraka amin'ireo tanim-bilony, [18]Anatota miaraka amin'ireo tanim-bilony, ary Almona miaraka amin'ireo tany manodidina azy__tanàna efatra. [19]Ireo tanàna izay nomena ireo mpisorona kosa, ireo taranak'i Arona, dia tanàna telo ambin'ny folo raha atambatra, ao anisan'izany ireo tanim-bilon'izy ireo.
[20]Raha ny sisa amin'ny fianakavian'i Kehata__ireo Levita izay an'ny fianakavian'i Kehata__dia nomena azy ireo tamin'ny an-tsapaka ireo tanàna avy amin'ny fokon'i Efraima. [21]Izy ireo no nanomezana an'i Sekema miaraka amin'ireo tanim-bilony tao amin'ny tany havoan'i Efraima__tanàna iray fandosiran'ireo izay namono olona tsy nahy__Gazera miaraka amin'ireo tanim-bilony, [22]Kibzaima miaraka amin'ireo tanim-bilony, ary Beti-horona miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna efatra ny fitambarany.
[23]Avy tamin'ny fokon'i Dana, no nanomezana hoan'ny fokon'i Kehata an'i Elteke miaraka amin'ireo tanim-bilony, Gibetona miaraka amin'ireo tanim-bilony,[24]Aialona miaraka amin'ireo tanim-bilony, ary Gata-rimona miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna efatra ny fitambarany
[25]Avy amin'ny an-tsasaky ny fokon'i Manase, no nanomezana hoan'ny fokon'i Kehata an'i Tanaka miaraka amin'ireo tanim-bilony sy Gata-rimona miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna roa.[26]Tanàna folo raha atambatra ny an'ireo fokon'i Kehatita sisa, anisan'izany ny tanim-bilon'izy ireo.
[27]Avy amin'ny an-tsasaky ny fokon'i Manase, hoan'ireo fokon'ny Gersona, ireo dia fokon'ny Levita hafa koa, ary izy ireo nanome an'i Golana tao Basana miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna iray fandosiran'izay nahafaty olona tsy nahy, mbamin'i Bestera miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna roa ny fitambarany.
[28]Ho an'ireo fokon'i Gersona dia nomen'izy ireo avy amin'ny fokon'i Isakara koa i Kisiona, mbamin'ireo tanim-bilony, Daberata mbamin'ireo tanim-bilony,[29]Jarmota mbamin'ireo tanim-bilony, ary Enganima mbamin'ireo tanim-bilony__tanàna efatra.[30]Avy amin'ny fokon'i Asera, dia nomen'izy ireo Misala miaraka amin'ireo tanim-bilony, Abdona miaraka amin'ireo tanim-bilony,[31]Helkata miaraka amin'ireo tanim-bilony, ary Rehoba miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna efatra ny fitambarany.
[32]Avy amin'ny fokon'i Naftaly, no nanomezan'izy ireo an'i Gersona Kadesy any Galilia miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna iray fandosiran'izay nahafaty olona tsy nahy; Hamotadora miaraka amin'ireo tanim-bilony, ary Kartana miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna telo ny fitambarany. [33]Tanàna telo ambin'ny folo raha atambatra, avy amin'ireo fokon'i Gersona, miaraka amin'ireo tanim-bilony.
[34]Ho an'ireo levita sisa__ireo fokon'i Merary__no nanomezana avy amin'ny fokon'i Zebolona: an'i Jokneama miaraka amin'ireo tanim-bilony, Karta miaraka amin'ireo tanim-bilony,[35]Dimnà miaraka amin'ireo tanim-bilony, ary Nahalola miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna efatra ny fitambarany.
[36]Ireo fokon'i Merary dia nahazo avy amin'ny fokon'i Robena: dia i Bezera miaraka amin'ireo tanim-bilony, Jahaza miaraka amin'ireo tanim-bilony, [37]Kedemota miaraka amin'ireo tanim-bilony, ary Mefata miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna efatra. [38]Ankoatry ny fokon'i Gada dia nomena azy ireo Ramota any Gileada miaraka amin'ireo tanim-bilony__tanàna iray fandosiran'izay nahafaty olona tsy nahy__ary Mahanaima miaraka amin'ireo tanim-bilony.
[39]Ireo fokon'i Merary dia nahazo an'i Hesbona ihany koa miaraka amin'ireo tanim-bilony, sy Jazera miaraka amin'ireo tanim-bilony. Tanàna efatra ireo raha atambatra. [40]Ireo rehetra ireo dia tanànan'ireo foko maroben'i Merary, izay avy amin'ny fokon'i Levy__tanàna roa ambin'ny folo raha atambatra no nomena azy ireo tamin'ny antsapaka.
[41]Ireo tanànan'ireo Levita nalaina avy tao afovoan'ny tany azon'ny vahoakan'Israely dia tanàna valo amby efapolo, miaraka amin'ireo tanim-bilony. [42]Ireo tanàna tsirairay ireo dia samy manana ny tanim-bilony manodidina azy. Dia tahaka izany ireo tanàna rehetra ireo.
[43]Noho izany dia nomen'i Yaveh an'Israely ny tany rehetra izay nianianany homena ireo razany. Dia nandova izany ireo Israelita ka nonina tao. [44]Dia nomen'i Yaveh fitsaharana amin'ny manodidina rehetra izy ireo, araka izay nianianany tamin'ireo razany. Na dia iray tamin'ireo fahavalony aza dia tsy nisy afaka naharesy azy ireo. Dia natolotr'i Yaveh teo ampelantanan'izy ireo ny fahavalony rehetra. [45]Na dia iray tamin'ireo teny fampanantenana tsara izay nolazain'i Yaveh tamin'ny taranak'Israely aza dia tsy nisy tsy tanteraka. Tanteraka avokoa izy rehetra.

22 [1]Tamin'izany fotoana izany Josoa dia niantso ireo Robenita, Gadit, ary ny antsasa-pokon'i Manase. [2]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Efa tanterakareo avokoa izay nandidian'i Mosesy mpanompon'i Yaveh anareo. Nankatoa ny feoko ianareo tamin'izay rehetra nandidiako anareo. [3]Tsy nandao ny rahalahinareo ianareo nandritra izay andro maro izay, mandrak'androany, ary tanterakareo ireo andraikitra izay notakiana tamin'ny alalan'ny didin'i Yaveh Andriamanitrareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Ankehitriny nomen'i Yaveh Andriamanitrareo fitsaharana ireo rahalahinao, araka izay nampanantenany azy ireo. Noho izany miverena ary mandehana any amin'ny lainareo any amin'ny tany anananareo, izay nomen'i Mosesy ilay mpanompon'i Yaveh anareo any ampitan'i Jordana. [5]Fa tandremo tsara mba ho voatandrina ireo didy sy lalàna izay nandidian'i Mosesy mpanompon'i Yaveh anareo, dia ny hitiavana an'i Yaveh Andriamanitrareo, ny handehanana amin'ny lalany rehetra, ny hitandremana ny didiny, ary ny hifikirana aminy sy ny hanompoana azy amin'ny fonareo manontolo sy ny fanahinareo manontolo." [6]Dia nitso-drano sy nampody azy ireo i Josoa, ary niverina tany amin'ny lainy izy ireo.
[7]Ary ny antsasa-pokon'i Manase dia efa nomen'i Mosesy lova tany Basana, fa ny antsasany hafa kosa nomen'i Josoa lova tany akaikin'ireo rahalahiny tany amin'ny tany andrefan'ny Jordana. Josoa nampody azy ireo tany amin'ny lainy; nitso-drano azy ireo izy [8]ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Miverena any amin'ny lainareo miaraka amin'ny vola be, sy biby fiompy maro dia maro, sy volafotsy sy volamena, sy varahina sy vy, ary fitafiana maro dia maro. Zarao amin'ireo rahalahinareo ny babo tamin'ireo fahavalonareo."
[9]Ary ny taranak'i Robena, ny taranak'i Gada, ary ny antsasa-pokon'i Manase niverina nody, nandao ny vahoakan'Israely tao Silo, izay tany amin'ny Kanana. Niainga ho any amin'ny faritanin'i Gileada, any amin'ny tanin'izy ireo, izay fananany, tamin'ny fankatoavana ny didin'i Yaveh, tamin'ny alalan'ny tanan'i Mosesy izy ireo.
[10]Rehefa tonga tao Jordana izay tao amin'ny tany Kanana izy ireo, ny Robenita sy ny Gadita ary ny atsasa-pokon'i Manase dia nanorina altara nanakaiky an'ny Jordana, alitara tena lehibe sy nalaza. [11]Ny vahoakan'Israely nahare izany ka nanao hoe: "Indro! ny vahoakan-dRobena, Gada, ary ny antsasa-pokon'i Manase nanorina alitara teo anoloan' ny tany Kanana, any Gelilota, any amin'ny faritra akaikin'i Jordana, amin'ny ilany izay an'ny vahoakan'Israely."
[12]Rehefa nahare izany ny vahoakan'Israely, dia niara-niangona tao Silo ny fiangonan'ny vahoakan'Israely manontolo mba hiakatra hamorona ady hanoerana azy ireo.
[13]Ary ny vahoakan'Israely nandefa mpitondra hafatra ho any amin'ny Robenita, ny Gadita, ary ny antsasa-pokon'ny Manase, any amin'ny tany Gileada. Nandefa an'i Fineasy zanaka lahin'i Eleazara ihany koa izy ireo, ilay mpisorona, [14]ary mpitarika folo niaraka taminy, iray isaky ny razambem-pianakavian'Israely, ary izy ireo tsirairay avy dia efa lohan' ny fianakaviana tao amin'ny vahoakan'Israely.
[15]Tonga tany amin'ny vahoakan'i Robena, Gada, ary ny antsasa-pokon'i Manase, tany amin'ny tanin'ny Gileada izy ireo, ary hoy izy ireo taminy: [16]"Izao no lazain'ny fiangonan'i Yaveh manontolo: 'Inona izao fivadiham-pitokisana nataonareo tamin'i Andriamanitr'Israely izao, niala tamin'ny fanarahana an'i Yaveh ianareo ankehitriny amin'ny alalan'ny fanorenanareo alitara tamim-pikomiana tamin'i Yaveh tamin'ity andro ity?
[17]Tsy ampy antsika ve ny fahotantsika tao Peora? Izay mbola tsy nahadiovantsika ny tenantsika tamin'izany akory. Ary izany fahotana izany no nampisy areti-mandringana tao amin'ny fiangonan'i Yaveh. [18]Tsy maintsy hiala amin'ny fanarahana an'i Yaveh ihany koa ve ianareo amin'ity andro androany ity? Raha mikomy amin'i Yaveh ihany koa ianareo androany, dia ho tezitra amin'ny fiangonan'Israely manontolo Izy rahampitso.
[19]Raha voaloto ny tany izay anananareo, dia tokony hiampita amin'ny tany izay misy ny tabernakelin'i Yaveh ianareo ary makà fananana ho anareo ao aminay. Aza mikomy amin'i Yaveh fotsiny, na mikomy aminay amin'ny fanorenana alitara hafa ho anareo ankoatra ny alitaran'i Yaveh Andriamanitsika. [20]Moa ve Akana zanaka lahin'i Zera tsy efa nandrava finoana tamin-javatra izay efa voatokana ho an'Andriamanitra? Moa ve tsy niraraka tamin'ny vahoakan'Israely rehetra ny fahatezerana? Ary tsy io lehilahy io irery no maty noho ny helony.'"
[21]Ary ny fokon'i Robena, Gada, ary ireo atsasa-pokon'i Manase namaly ireo loham-pianakavian'Israely hoe: [22]"Ilay Tsitoha, Andriamanitra, Yaveh! Ilay Tsitoha, Andriamanitra, Yaveh! —Izy mahalala, ary ny Israely aoka hahalala! Raha tamim-pikomiana na tamin'ny fivadiam-pitokisana tamin'i Yaveh izany, dia aza hamindrana fo izahay amin'ity andro ity [23]ny amin'ny nanorenanay alitara mba hialanay amin'ny fanarahana an'i Yaveh. Raha nanorina ny alitara mba hahafahana manolotra fanatitra dorana, fanatitra hohanina, na fanati-pihavanana izahay, dia aoka Yaveh hampanefa anay ny amin'izany.
[24]Tsia! Tahotra no nanaovanay izao satria rahatrizay dia mety hanontany ny zanakay ny zanakareo hoe: 'Moa mifaninona amin'i Yaveh ianareo, ilay Andriamanitr'Israely?
[25]Fa Yaveh efa nanao an'i Jordana ho faritra manelalanelana antsika sy ianao. Ianareo ry vahoakan'i Robena sy vahoakan'i Gada, tsy anao na inona na inona amin'i Yaveh ianareo.' Noho izany ny zanakareo dia mety hampitsahatra ny zanakay amin'ny fanompoana an'i Yaveh.
[26]Ka hoy izahay hoe: 'Mamelà anay hanangana alitara ankehitriny, tsy ho an'ny fanatitra dorana na sorona, [27]fa mba ho vavolombelona eo aminay sy ianareo, ary ireo eo amin'ny taranaka fara-mandimbintsika, fa hanatanteraka ny fanompoana an'i Yaveh alohany isika, amin'ny alalan'ny fanatitra doran, sy sorona ary fanati-pihavanana ataontsika, ka mba tsy hitenenan'ny zanakareo amin'ny zanakay rahatrizay hoe: "Tsy manana anjara ao amin'i Yaveh ianareo."'
[28]Ary hoy izahay hoe: 'Raha tahiany ka lazaina aminay na amin'ireo taranakay rahatrizay izany, dia hataonay hoe: "Indro! Ity no dika mitovy amin'ny alitaran'i Yaveh, izay namboarin'ny razambenay, tsy ho an'ny fanatitra dorana, na sorona, fa ho vavolombelona teo aminay sy ianareo." [29]Sanatriavinay anie ny hikomy amin'i Yaveh, sy hiala amin'ny fanarahana Azy androany amin'ny alalan'ny fanorenana alitara ho an'ny fanatitra dorana, ny fanatitra hohanina, na sorona, hafa ankoatra ny alitaran'i Yaveh Andriamanitsika izay eo anoloan'ny tabernakeliny.'"
[30]Rehefa ren'i Fineasa ilay mpisorona sy ireo mpitarika ny vahoaka, izay, loham-pianakavian'ny Israely niaraka taminy, dia nahare ireo teny nolazain'ny vahoakan'ny Robena, Gada, ary Manase, dia tsara tamin'izy ireo izany. [31]Dia hoy Fineasy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

zanaka lahin'i Eleazara ilay mpisorona tamin'ny vahoakan'ny Robena, Gada, ary Manase hoe: "Fantatray ankehitriny fa eto amintsika i Yaveh, satria ianao tsy nanao izany fivadiham-panekena izany taminy. Ankehitriny ianao nanavotra ny vahoakan'Israely tamin'ny tanan'i Yaveh ianao."
[32]Ary Fineasa zanak'i Eleazara mpisorona, sy ireo mpitarika niverina avy tany amin'ireo Robenita sy ireo Gadita, tao amin'ny tanin'i Gileada ho any amin'ny tany Kanana, ho any amin'ny vahokan'Israely, ary nitondra valin-teny tamin'izy ireo. [33]Nety tamin'ny vahoakan'ny Israely ny tatitr'izy ireo. Nisaotra an'Andriamanitra ny vahoakan'Israely ary tsy niresaka ny hiady amin'ny Robenita sy ny Gadita intsony, mba hamotehana ny tany izay nitoeran'izy ireo
[34]"Vavolombelona" no nataon'ny Robenita sy ny Gadita anaran'ilay alitara, satria hoy izy ireo hoe: "Io no vavolombelona eo aminay fa Yaveh no Andriamanitra."

23 [1]Rehefa afaka andro maromaro, rehefa nanome fitsaharana ho an'ny Israely avy ao amin'ireo fahavalony rehetra izay nanodidina azy ireo Yaveh, ary antitra sy nandroso taona Josoa. [2]Dia nampiantso ny Israely rehetra Josoa—ireo loholony, ireo mpitariny, ireo mpitsarany, ary ireo manam-boninahiny—ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Tena antitra aho.
[3]Efa hitanareo ny zavatra rehetra izay nataon'i Yaveh Andriamanitrareo tamin'ireo firenena rehetra noho ianareo, fa Yaveh Andriamanitrareo no niady ho anareo.
[4]Indro! Efa notendreko ho anareo ireo firenena izay mbola ho resena ho lovan'ireo fokonareo, miaraka amin'ireo firenena rehetra efa naringako, nanomboka tao Jordana ka hatrany amin'ny Ranomasina Lehibe any andrefana.
[5]Handroaka azy ireo Yaveh Andriamanitrareo. Hanosika azy ireo hiala aminareo Izy. Halainy ny tanin'izy ireo, ary haka ny tanin'izy ireo ho fananananareo ianareo, arak'izay nampanantenain'i Yaveh Andriamanitrareo anareo.
[6]Koa matanjaha, mba hitandremanareo sy hanaovanareo ny rehetra izay voasoratra ao amin'ny bokin'ny lalàn'i Mosesy, tsy hiala amin'izany mihitsy na miankavanana na miankavia, [7]mba tsy hifangaroanareo amin'ireo firenena izay mijanona ho aminareo na hanonona ireo anaran'ny andriamanitr'izy ireo, mianiana amin'izy ireo, nanompo azy ireo, na miankohoka amin'izy ireo. [8]Fa kosa, mifikira amin'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo tahaka izay efa nataonareo mandraka ankehitriny.
[9]Fa Yaveh nandroaka teo anoloanareo ireo firenena lehibe, matanjaka. Fa ho anareo, tsy misy afaka mitsangana eo anoloanareo mandraka androany. [10]Ny lahy tokana amin'ny isanareo dia hahatonga ny arivo hitsoaka, satria Yaveh Andriamanitrareo, no Ilay miady ho anareo, tahaka ny nampanantenainy anareo. [11]Mitandrema tsara, mba hitiavanareo an'i Yaveh Andriamanitrareo.
[12]Nefa raha miverina sy mifikitra amin'ireo izay sisa velon'ireo firenena izay mijanona eo aminareo ianareo, na raha mifanambady amin'izy ireo, na raha miaraka amin'izy ireo ianareo ary izy ireo miaraka aminareo, [13]dia fantaro tokoa fa Yaveh Andriamanitrareo tsy handroaka ireo firenena ireo hiala aminareo intsony. Fa kosa, ho lasa fandrika sy tonta ho anareo izy ireo, karavasy ao an-damosinareo ary tsilo eo amin'ny masonareo, mandra-pahafatinareo eto amin'ity tany soa izay nomen'i Yaveh Andriamanitrareo anareo ity.
[14]Izao dia handeha amin'ny lalan'ny tany rehetra aho, ary fantatrareo amin'ny fonareo sy ny fanahinareo manontolo fa tsy misy teny iray tsy ho tanteraka tamin'ireo zavatra tsara rehetra izay nampanantenain'i Yaveh Andriamanitrareo anareo. Ireo zavatra rehetra ireo dia efa ho tonga ho anareo. Tsy misy iray amin'izy ireo ho latsaka. [15]Fa tahaka ny teny rehetra nampanantenain'i Yaveh Andriamanitrareo anareo ka tanteraka, dia hitondra aminareo ireo zavatra ratsy rehetra Yaveh mandra-pandringanany anareo tsy ho eto amin'ity tany tsara izay nomen'i Yaveh Andriamanitrareo anareo ity.
[16]Hataony izany raha mandika ny faneken'i Yaveh Andriamanitrareo, izay nandidiany anareo mba hotandremana ianareo. Raha mandeha sy manompo ireo andriamanin-kafa ary miankohoka amin'izany ianareo, dia hirehitra aminareo ny hatezeran'i Yaveh, ary ho faty haingana tsy ho eo amin'ny tany soa izay nomeny anareo ianareo."

24 [1]Ary dia nampiarahan'i Josoa tao Sekema ireo fokon'Israely rehetra ary niantso ireo loholona tao Israely, ireo mpitarika azy ireo, ireo mpitsara, sy ny manam-pahefan'izy ireo, ary nampiseho ny tenan'izy ireo teo anatrehan'Andriamanitra. [2]Hoy i Josoa tamin'ny olona rehetra hoe: "Izao no lazain'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely: 'Tany aloha ela be ireo razambenareo dia nipetraka tany an-dafin'ny reniranon'i Eofrata—Tera, ny rain'i Abrahama sy ny rain'i Nahora—ary nanompo ireo andriamanitra hafa izy ireo.
[3]Fa nalaiko tany an-dafin'i Efraita ny rainareo ka nentiko tany amin'ny tany Kanana ary nomeko taranaka maro tamin'ny alalan'i Isaka izy. Ary nomeko an'i Jakoba sy Esao i Isaka. [4]Ary nomeko ho fananan'i Esao ny tany havoana an'i Seira, fa i Jakoba sy ireo zanany dia nidina tany Egypta.
[5]Nandefa an'i Mosesy sy Arona Aho, ary namely ireo Egyptiana tamin'ny areti-mandringana. Taorian'izany, dia nentiko nivoaka ianareo. [6]Nentiko nivoaka an'i Egypta ireo razambenareo, ary tonga teny an-dranomasina ianareo. Nanenjika anareo tamin'ireo kalesy sy mpitaingi-tsoavaly hatrany any amin'ny ranomasina mena ireo Egyptiana.
[7]Rehefa niantso mafy an'i Yaveh ireo razambenareo, dia nasiany haizina teo anelanelanareo sy ireo Egyptianina. Nentiny teo amin'izy ireo ny ranomasina ary nandrakotra azy ireo. Ianareo nahita ny nataoko tany Egypta. Avy eo ianareo dia nipetraka tany an'efitra nandritra ny fotoana naharitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Nentiko tany amin'ny tanin'i Amorita ianareo, izay nipetraka teny ampitan'i Jordana. Niady taminareo izy ireo, ary natolotro teo am-pelan-tananareo. Nalainareo ho fanananareo ny tanin'izy ireo, ary nopotehiko teo anatrehanareo izy reo.
[9]Ary nitsangana i Balaka zanak'i Zipora, mpanjakan'i Moaba, ary nanafika an'Israely. Nandefa ary niantso an'i Balama zanak'i Beora, mba hanozona anareo. [10]Fa tsy nihaino an'i Balama aho. Nitahy anareo tokoa izy. Koa dia namonjy anareo teny an-tanany aho.
[11]Niampita an'i Jordana ianareo ary dia tonga tao Jeriko. Ireo mpitarika an'i Jeriko dia niady taminareo, niaraka tamin'ireto Amorita, ireo Kananita, ireo Hetita, Girgasita, ireo Hevita, ary ireo Jebosita. Nomeko fandresena ianareo ary nametraka azy ireo ambanin'ny fifehezanareo Aho. [12]Nandefasako fangaraka ianareo, izay nampitsoaka azy ireo sy ireo mpanjakan'i Amorita roa teo anatrehanareo. Izany dia tsy nitranga tamin'ny alalan'ny sabatrareo na ny tsipìkareo.
[13]Nomeko tany izay mbola tsy nasaina sy tanàna izay mbola tsy nanorenana ianareo, ary ankehitriny ianareo dia mipetraka eny amin'ireo. Mihinana ny voakazon'ny tanim-boaloboka sy ny sahan'oliva izay tsy nambolenareo ianareo.'
[14]Ankehitriny matahora an'i Yaveh ary miderà Azy amim-pahitsiana sy amim-pahamarinana; foano ireo andriamanitra izay notompoin'ireo razambenareo tany an-dafin'ny Eofrata sy tao Egypta, ary manompoa an'i Yaveh. [15]Raha hitanao fa ratsy ny midera an'i Yaveh, dia fidio anio izay ho tompoinao, na ireo andriamanitra izay notompoin'ireo razambenareo tany an-dafin'i Eofrata, na ireo andriamanitr'ireo Amorita, izay tompon'ny tany hipetrahanareo. Fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an'i Yaveh izahay."
[16]Namaly ireo vahoaka ary niteny hoe: "Tsy hamoy an'i Yaveh mihitsy izahay mba hanompo andriamanitra hafa, [17]satria Yaveh Andriamanitray no nitondra anay sy ireo razambenay hivoaka ny tany Egypta, hivoaka ny trano fanandevozana, sy izay nanao ireo famantarana lehibe teo imasonay, ary izay niaro anay tany amin'ny lalana rehetra nalehanay, ary tamin'ireo firenena rehetra izay nolalovanay. [18]Ary i Yaveh dia nitondra ireo olona nialoha lalana anay, ao anatin'izany ireo Amorita izay nonina tao amin'ny tany. Noho izany izahay koa dia hanompo an'i Yaveh, satria Izy no Andriamanitray."
[19]Fa hoy i Josoa tamin'ireo vahoaka hoe: "Tsy mahazo manompo an'i Yaveh ianareo, satria Izy dia Andriamanitra masina; Izy dia Andriamanitra saropiaro; Izy dia tsy hamela ireo fandikàna sy ireo fahotànareo. [20]Raha mahafoy an'i Yaveh ianareo ary manompo ireo andriamanitra mpiavy, dia hiverina Izy ary hampahory anareo. Hanafongana anareo Izy, rehefa avy nanao soa taminareo."
[21]Fa hoy ireo olona tamin'i Josoa hoe: "Tsia, hanompo an'i Yaveh izahay." [22]Ary hoy i Josoa tamin'ireo vahoaka hoe: "Ianareo dia vavolombelon'ny tenanareo fa efa nifidy an'i Yaveh, mba ho tompoina." Hoy izy ireo hoe: "Vavolombelona izahay." [23]Ankehitriny dia esory ireo andriamanitra hafa izay miaraka aminareo, ary hatodio amin'i Yaveh Andriamanitr'Israely ny fonareo."
[24]Hoy ireo vahoaka tamin'i Josoa: "Hanompo an'i Yaveh Andriamanitray izahay. Hihaino ny teniny izahay." [25]Nanao fifanekena tamin'ny vahoaka i Josoa tamin'io andro io. Nametraka didy aman-dalàna tao Sekema izy. [26]Nosoratan'i Josoa tao amin'ny bokin'ny lalànan'Andriamanitra ireo teny ireo. Naka vato lehibe izy ary napetrany teo ambanin'ny hazo terebintana izay teo akaikin'ny toerana masin'i Yaveh.
[27]Hoy i Josoa tamin'ny vahoaka rehetra hoe: "Indro, ity vato ity no vavolombelona manohitra antsika. Nandre ireo teny nolazain'i Yaveh tamintsika izy. Koa ho vavolombelona aminareo io, raha toa ka mandà ny Andriamanitrareo ianareo."
[28]Ary dia nalefan'i Josoa tsirairay avy tany amin'ny lovany ireo vahoaka.
[29]Taorin'ireo zavatra ireo i Josoa zanak'i Nona, mpanompon'i Yaveh, dia maty tamin'ny faha 110 taonany. [30]Nalevin'izy ireo tany amin'ny faritany izay nolovainy izy, tany Timnata-sera, izay tany amin'ny tany havoan'i Efraima, avaratry ny tendrombohitr'i Gasa.
[31]Nanompo an'i Yaveh i Israely nandritra ny androm-piainan'i Josoa, sy tamin'ny andron'ireo loholona izay niaina nihoatra an'i Josoa, ireo izay niaina ny zava-drehetra izay nataon'i Yaveh ho an'Israely.
[32]Nentin'ny vahoakan'Israely nivoaka an'i Egypta ny taolam-balon'i Josefa ary nalevin'izy ireo tany Sekema ireo, ao amin'ilay ampahan-tany izay novidian'i Jakoba tamin'ireo zanaka lahin'i Hamora, rain'i Sekema. Nividy izany tamin'ny volafotsy zato singa izy, ary nanjary lova ho an'ireo taranak'i Josefa. [33]Maty ihany koa i Eleazara zanaka lahin'i Arona. Nalevin'izy ireo tany Gibeha, renivohitr'i Finehasa zanaka lahiny, izay efa nomena azy. Izany dia teny amin'ny tany havoan'i Efraima.

Mpitsara

1 [1]Taorian'ny nahafatesan'i Josoa, nanontany an'i Yaveh ny vahoakan'Israely, nanao hoe: "Iza no hanafika voalohany ireo Kananita ho anay, mba hiady amin'izy ireo?" [2]Dia hoy Yaveh: "Hanafika i Joda. Indro, efa nomeko azy ireo ny fifehezana ity tany ity." [3]Ireo lehilahin'i Joda niteny tamin'ireo lehilahin'i Simeona, rahalahan'izy ireo hoe: "Miakara miaraka aminay any amin'ny faritaninay izay voatendry ho anay fa isika miaraka no afaka miady amin'ireo Kananita. Handeha hiaraka aminareo toy izany any amin'ny faritany izay voatendry ho anareo izahay." Ka nanaraka azy ireo ny fokon'i Simeona.
[4]Nanafika ny lehilahin'i Joda, ary nomen'i Yaveh azy ireo ny fandresena an'ireo Kananita sy ireo Perezita. Namono lehilahy iray alina tamin'izy ireo tany Bezeka izy ireo. [5]Nahita an'i Adonia Bezeka tany Bezeka izy ireo, ary niady tamin'izy ireo ka nandresy ireo Kananita sy ireo Perezita.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Fa nitsoaka i Adonia Bezeka, ary nenjehin'izy ireo izy ka tratrany, ary notapahin'izy ireo ny ankihiben-tanany sy ny ankihiben-tongony. [7]Dia hoy i Adonia Bezeka: "Mpanjaka fitopolo, izay tapaka ny ankihiben-tanany sy ny ankihiben-tongotr'izy ireo, no nanangona ny sakafon'izy ireo tao ambanin'ny latabatro. Tahaka izay efa nataoko, dia toy izany ihany koa no nataon'Andriamanitra tamiko." Nentin'izy ireo tany Jerosalema izy, ary maty tany.
[8]Niady tamin'ny tanànan'i Jerosalema ireo lehilahin'i Joda ary naka izany. Nanafika izany tamin'ny lela-tsabatra izy ireo ary nandoro ny tanàna. [9]Taorian'izany, nidina hiady amin'ireo Kananita izay nitoetra tany amin'ny tany havoana, tany Negeva, sy tany andrefan'ny tendrombohitra mitandavana ireo lehilahin'i Joda. [10]Nandroso nanohitra ireo Kananita izay nipetraka tany Hebrona i Joda (ny anaran'i Hebrona teo aloha dia i Kiriata Arba), ary nandresy an'i Sesay, Ahimana, ary Talmay izy ireo.
[11]Avy teny no nandroso nanohitra ireo mponin'ny Debira ireo lehilahin'i Joda (ny anaran'i Debira teo aloha dia i Kiriaty Sefera). [12]Hoy i Kaleba: "Na iza na iza manafika an'i Kiriaty Sefera ary maka izany, dia homeko azy i Aksa, zanako vavy, mba ho vadiny." [13]Otniela, zanaka lahin'i Kenaza (zandry lahin'i Kaleba) nisambotra an'i Debira, ka dia nomen'i Kaleba azy i Aksa, zanany vavy, mba ho vadiny.
[14]Tsy ela dia tonga tany amin'i Otniela i Aksa, ary nandrisika azy hangataka amin'ny rainy mba hanome saha iray azy izy. Raha niala tamin'ny ampondrany izy, dia nanontany azy Kaleba hoe: "Inona no azoko atao anao?" [15]Ary hoy izy taminy: "Omeo tso-drano aho. Satria efa nomenao ahy ny tany Negeva, dia omeo loharano ihany koa aho." Ka dia nomen'i Kaleba azy ny loharano ambony sy ny loharano ambany.
[16]Ny taranaky ny rafozan-dahin'i Mosesy ilay Kenita dia niakatra avy tany amin'ny Tanànan-drofia niaraka tamin'ny vahoakan'i Joda, nankany an'efitr'i Joda, izay tany Negeva, mba hiaina miaraka amin'ny vahoakan'i Joda akaikin'i Arada.
[17]Ny lehilahin'i Joda nandeha niaraka tamin'ireo lehilahin'i Simeona rahalahin'izy ireo ary nanafika ireo Kananita izay nonina tany Zefata izy ireo ary noravan'izy ireo tanteraka izany. Ny anaran'ilay tanàna dia nantsoina hoe Horma.
[18]Nosamborin'ny vahoakan'i Joda ihany koa i Gaza sy ireo tany manodidina azy, Askelona sy ny tany manodidina azy, ary Ekrona sy ny tany manodidina azy. [19]Niaraka tamin'ireo vahoakan'i Joda i Yaveh ary naka ny tany havoana izy ireo, nefa tsy afaka nandroaka ireo mponin'ny tany lemaka nohon'ny fananan'izy ireo kalesy vy.
[20]Nomena an'i Kaleba i Hebrona (araka ny efa nolazain'i Mosesy), ary noroahiny tao ireo zanaka telo lahin'i Anaka. [21]Nefa tsy nandroaka ireo Jebosita izay mponin'i Jerosalema ny vahoakan'i Benjamina. Ka dia nonina niaraka tamin'ny vahoakan'i Benjamina tao Jerosalema ireo Jebosita mandrak'androany.
[22]Ny ankohonan'i Josefa dia niomana hanafika an'i Betela, ary nomba azy ireo i Yaveh. [23]Naniraka lehilahy hitsikilo an'i Betela izy ireo (ilay tanàna izay nantsoina hoe Lozy teo aloha). [24]Nahita lehilahy nivoaka ny tanàna ireo mpitsikilo, dia hoy izy ireo taminy: "Mba asehoy anay re, ny fomba hidirana ao amin'ny tanàna, dia ho tsara fanahy aminareo izahay."
[25]Dia nasehony azy ireo ny lalana mankao amin'ny tanàna, ka dia nanafika ny tanàna tamin'ny lelan-tsabatra izy ireo, nefa navelan'izy ireo nandeha ilay lehilahy sy ny fianakaviany. [26]Avy eo dia nankany amin'ny tanin'ireo Hetita ilay lehilahy ka nanorina tanàna ary nantsoiny hoe Lozy izany, izay anarany mandrak'androany.
[27]Tsy noroahin'ireo vahoakan'ny Manase ireo vahoaka nitoetra tany amin'ny tanànan'i Beta Sana sy ireo zana-bohiny, na Tanasa sy ireo zana-bohiny, na ireo izay nonina tany Dora sy ireo zana-bohiny, na ireo izay nonina tao Ibleama sy ireo zana-bohiny, na ireo izay nonina tany Megido sy ireo zana-bohiny, satria efa tapa-kevitra ny hitoetra amin'izany tany izany ireo Kananita. [28]Rehefa lasa natanjaka i Israely, dia noteren'izy ireo hanompo azy ireo tamin'ny asa mafy ireo Kananita, nefa tsy mbola nandroaka azy ireo tanteraka izy ireo.
[29]Tsy noroahin'i Efraima ireo Kananita izay nonina tany Gezera, ka dia nonina tany Gezera teo amin'izy ireo hatrany ireo Kananita.
[30]Tsy noroahin'i Zebolona ny vahoaka nipetraka tany Kitrona, na ny vahoaka nipetraka tany Nahalola, ary dia nitoetra teo amin'izy ireo hatrany ireo Kananita, nefa noteren'i Zebolona hanompo azy ireo tamin'ny asa mafy ireo Kananita.
[31]Tsy noroahin'i Asera ny vahoaka nitoetra tany Ako, na ny vahoaka nitoetra tany Sidona, na ireo izay nitoetra tany Alaba, Akziba, Helba, Afika, na Rehoba. [32]Ka dia nitoetra teo amin'ireo Kananita ny fokon'i Asera (ireo izay efa nitoetra tao amin'ilay tany), satria tsy nandroaka azy ireo izy ireo.
[33]Tsy noroahin'ny fokon'i Naftaly ireo izay nitoetra tany Beta Semesa, na ireo izay nitoetra tany Beta Anata. Ka dia nitoetra teo amin'ireo Kananita ny fokon'i Naftaly (ny vahoaka izay efa nitoetra tamin'izany tany izany). Na izany aza, noterena tanatin'ny asa mafy ho an'i Naftaly ireo mponin'i Beta Semesa sy Beta Anata.
[34]Noteren'ireo Amorita hitoetra any amin'ny tany havoana ny fokon'i Dana, ary tsy navelany nidina tany amin'ny lemaka izy ireo. [35]Ka dia nonina tao an-tendrombohitr'i Heresa, tany Aijalona, ary tany Salbima ireo Amorita, nefa ny miaramila maherin'ny ankohonan'i Josefa nandresy azy ireo, ary dia noteren'izy ireo hanompo azy amin'ny asa mafy izy ireo.
[36]Nihitatra avy tany amin'ny havoan'i Akrabima any Sela niakatra hatrany amin'ny tany havoana ny sisin-tanin'ireo Amorita.

2 [1]Niakatra avy tao Gilgala hankany Bokima anjelin'i Yaveh, ary nanao hoe: "Nitondra anareo niakatra avy tao Egypta Aho, ary nitondra anareo tany amin'ny tany nianianako homena ireo razanareo. Hoy aho: 'Tsy handrava ny fanekeko aminareo mihitsy Aho. [2]Aza manao fanekena amin'ireo izay mipetraka ao amin'ity tany ity ianareo. Aoka horavanareo ny alitaran'izy ireo.' Nefa tsy nihaino ny feoko ianareo. Fa inona ity nataonareo?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Koa ankehitriny aho dia milaza fa: 'Tsy handroaka ireo Kananita eo anatrehanareo Aho, fa ho lasa tsilo eo anilanareo izy ireo, ary ireo andriamaniny dia ho lasa fandrika ho anareo.'" [4]Raha niteny ireo teny ireo tamin'ny vahoakan'i Israely rehetra ny anjelin'Andriamanitra, dia nihiaka sy nitomany ny vahoaka. [5]Nantsoin'izy ireo hoe Bokima izany toerana izany. Nanolotra fanatitra ho an'i Yaveh tao izy ireo.
[6]Ary rehefa naniraka ny vahoaka tamin'ny lalan'izy ireo Josoa, dia nankany amin'ny toerana voatendry ny vahoakan'i Israely tsirairay, mba haka ny tanin'izy ireo. [7]Nanompo an'i Yaveh nandritra ny androm-piainan'i Josoa sy ireo loholona izay mbola velona taoriany ny vahoaka, ary ireo izay nahita ny asa lehiben'i Yaveh rehetra nataony ho an'Israely. [8]Josoa zanaka lahin'i Nona mpanompon'i Yaveh, dia maty teo amin'ny faha-110 taonany.
[9]Nandevina azy tao amin'ny faritanin'ny tany nanendrena azy tao Timnata-heresa izy ireo, tao amin'ny tany havoan'i Efraima, avaratry ny Tendrombohitr'i Gasa. [10]Izany taranaka rehetra izany ihany koa dia nangonina ho amin'ny razan'izy ireo. Nisy taranaka hafa nitombo taorian'izy ireo izay tsy nahafantatra an'i Yaveh na izay nataony tamin'ireo Israely.
[11]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh vahoakan'Israely ary nanompo an'i Bala izy ireo. [12]Nisaraka tamin'i Yaveh izy ireo, ny Andriamanitry ny razan'izy ireo, izay nitondra azy ireo nivoaka avy tao amin'ny tany Egypta. Nanaraka ireo andriamani-kafa izy ireo, ireo tena andriamanitr'ireo vahoaka izay nanodidina azy ireo, ary niankohoka tamin'ireo. Nanetsika ny fahatezeran'i Yaveh izy ireo satria [13]nisaraka tamin'i Yaveh ary nanompo an'i Bala sy ireo Astarta.
[14]Nirehitra tamin'i Israely ny hatezeran'i Yaveh, ary nomeny an'ireo mpanafika izay nangalatra ny fananan'izy ireo taminy izy ireo. Namidiny ho andevo ireo izay voatazona tamin'ny herin'ny fahavalo manodidina azy ireo, mba tsy hahafahan'izy ireo intsony miaro ny tenany amin'ireo fahavalony. [15]Na taiza na taiza nandehanan'Israely niady, ny tanan'i Yaveh dia nanohitra azy ireo mba handresy azy ireo, araka ny nianianany tamin'izy ireo ary tao anaty fahoriana mahatsiravina izy ireo.
[16]Ary Yaveh nanandratra mpitsara, izay namonjy azy ireo tamin'ny tanan'ireo izay nangalatra ny fananan'izy ireo. [17]Nefa tsy nihaino ireo mpitsarany izy ireo. Tsy nahatoky tamin'i Yaveh izy ireo ary nanolotra ny tenany toy ny mpijangajanga tamin'ireo andriamani-kafa sy nanompo ireo. Nivily faingana tamin'ny lalana niainan'ireo razany izy ireo_ireo izay nankatò ny didin'i Yaveh_nefa tsy mba nanao toy izany izy ireo.
[18]Rehefa nanandratra mpitsara ho azy ireo i Yaveh, nanampy ireo mpitsara i Yaeh ary namonjy azy ireo tamin'ny tanan'ireo fahavalon'izy ireo tamin'ny andro rehetra niainanan'ireo mpitsara. Nangoraka azy ireo Yaveh raha nisento noho ireo izay nampahory sy nampijaly azy ireo izy ireo. [19]Fa rehefa maty ny mpitsara, dia niala sy nanao ireo zavatra izay ratsy kokoa noho ny nataon'ireo razany aza izy ireo. Nanaraka ireo andriamani-kafa mba hanompo sy hidera azy izy ireo. Nandà ny hiala tamin'ireo fanaony ratsy rehetra na tamin'ireo lalan'ny ditrany izy ireo.
[20]Nirehitra tamin'i Israely ny hatezeran'i Yaveh; hoy Izy: "Satria ity firenena ity dia nandrava ireo tenin'ny fanekeko izay napetrako ho an'ireo razany_satria tsy nihaino ny feoko izy ireo_ [21]Izaho, manombok'izao, dia tsy handroaka eo anoloan'izy ireo na ny iray amin'ireo firenena izay navelan'i Josoa rehefa maty izy. [22]Hanao izany Aho mba hahafahako mitsapa ny Israely, na hitandrina ny lalan'i Yaveh sy handeha amin'izany izy ireo na tsia, toy ny nitandreman'ny razan'izy ireo izany." [23]Izany no antony nandaozan'i Yaveh ireo firenena ireo sy tsy nandroahany azy ireo faingana tao ary nanomezany azy ireo teo an-tanan'i Josoa.

3 [1]Ary Yaveh namela firenena ireo mba hitsapana an'i Israely, izany hoe ny olona rehetra tany Israely izay tsy nanana traikefa tamin'ny ady dia niady tany Kanana. [2](Nanao izany izy mba hampianarana ady an'ireo taranak'Israelita vaovao izay mbola tsy nahalala izany teo aloha). [3]Ireto avy ireo firenena: ireo mpanjaka dimy avy amin'ireo Filistina, ireo Kananita rehetra, ireo Sidoniana, ary ireo Hivita izay nonina tany amin'ireo Tendrombohitra Libanona, hatramin'ny Tendrombohitra Bala-hermona ka hatrany Lalana Hamata.
[4]Navela ireo firenena ireo, izany ny fomba nitsapan'i Yaveh an'Israely, mba hanamafisana na nankatò ireo didy izay nomeny an'ireo razamben'izy ireo tamin'ny alalan'i Mosesy izy ireo. [5]Noho izany ireo vahoakan'Israely dia nonina teo amin'ireo Kananita, ireo Hetita, ireo Amorita, Perizita, ary ireo Jebosita. [6]Ireo zanaka vavin'izy ireo dia nalain'izy ireo mba ho vadin'izy ireo, ary ireo zanaka vavin'izy ireo manokana dia nomen'izy ireo ho an'ny zanaka lahin'izy ireo, ary nanompo ireo andriamaniny izy ireo.
[7]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh ny vahoakan'Israely ary nanadino an'i Yaveh Andrimanitr'izy ireo. Nanompo ireo Bala sy ireo Aseraha izy ireo. [8]Noho izany, dia nirehitra tamin'Israely ny fahatezeran'i Yaveh, ary namidiny teo am-pelatanan'i Kozana-risataima mpanjakan'i Arama Naharaima izy ireo. Nanompo an'i Kozana-risataima nandritra ny valo taona ireo vahoakan'Israely.
[9]Rehefa niantso mafy an'i Yaveh ny vahoakan'Israely, dia nanandratra olona mba ho tonga hamonjy ny vahoakan'Israely i Yaveh, sy hanavotra azy ireo: Otniela zanaka lahin'i Kenaza (zandrin'i Kaleba). [10]Nanome hery azy ny fanahin'i Yaveh, ary nitsara an'i Israely izy ary nivoaka tany amin'ny ady. Nomen'i Yaveh fandresena teo anatrehan'i Kozana-risataima mpanjakan'i Arama izy. Nandresy an'i Kozana-risataima ny tanan'i Otniel. [11]Nilamina ny tany nandritra ny efapolo taona. Avy eo dia maty i Otniela zanaka lahin'i Kenaza.
[12]Taorian'izany, dia mbola nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh indray ireo Israelita, ka nanome hery an'i Eglona mpanjakan'i Moaba mba hampandresy ireo Israelita i Yaveh. [13]Nikambana tamin'ireo Amona sy ireo Amaleka i Eglona,

dia nandeha izy ireo ka nandresy an'Israely, ary nalain'izy ireo ho fananany ny Tanànan-drofia. [14]Nanompo an'i Eglona
mpanjakan'i Moaba nandritra ny valo ambin'ny folo taona ny vahoakan'Israely.
[15]Rehefa niantso mafy an'i Yaveh ny vahokan'Israely, dia nanandratra olona iray i Yaveh hanampy azy ireo, Ehoda zanak'i
Gera, Benjamita, lehilahy kavia. Nandefa azy niaraka tamin'ny fandoavan-ketran'izy ireo, tany amin'i Eglona mpanjakan'i
Moaba ny vahoakan'Israely.
[16]Nanamboatra sabatra iray izay nisy lela roa ho azy i Ehoda, iray hakiho ny halavany; nafatony tao ambanin'ny akanjony
teo amin'ny feny ankavanany izany. [17]Nomeny an'i Eglona mpanjakan'i Moaba ilay fanomezana. (Ary Eglona dia lehilahy
matavy be.) [18]Taorian'ny nanoloran'i Ehoda ilay fandoavan-ketra, dia lasa niaraka tamin'ireo izay nitondra izany izy.
[19]Raha ny amin'i Ehoda kosa, rehefa tonga teo amin'ilay toerana izay nisy ireo sarin-javatra voasokitra natao teo akaikin'i
Gilgala izy, dia nitodika sady niverina izy, ary niteny hoe: "Manana tsiambaratelo ho anao aho, ry mpanjakako." Ary
Eglona niteny hoe: "Mangina!" Ka nivoaka ny efitra ireo rehetra izay nanompo azy. [20]Tonga teo aminy i Ehoda. Nipetraka
irery ny mpanjaka, irery tao amin'ny mangatsiatsiaka tao amin'ny efitrano ambony. Hoy i Ehoda hoe: "Manana hafatra
avy any amin'Andriamanitra ho anao aho." Nitsangana avy teo amin'ny fipetrahany ny mpanjaka.
[21]Nahinjitr'i Ehoda ny tanany havia ary nalainy teo amin'ny feny ankavanana ny sabatra, ka natsatony teo amin'ny
vatan'ny mpanjaka izany. [22]Ilay tahon-tsabatra teo aminy dia nanaraka ny lamosina. Nivoaka tao an-damosiny ilay
tendron-tsabatra ary nanarona izany ilay tavy, fa tsy nanatsoaka ilay sabatra tamin'ny kibony i Ehoda. [23]Avy eo dia
nivoaka teo an-davarangana i Ehoda ary nanakatona ireo varavaran'ny efitra ambony ary nanidy izany.
[24]Rehefa lasa i Ehoda, dia tonga ireo mpanompon'ny mpanjaka; hitan'izy ireo fa mihidy ireo varavaran'ny efitra ambony,
ka nihevitra izy ireo hoe: "Azo antoka fa maka aina ao amin'ny mangatsiatsiaka ao amin'ny efitra ambony izy." [25]Nitombo
ny ahiahin' izy ireo mandra-pahatsapan'izy ireo fa nanao tsinontsinona ny andraikiny izy ireo rehefa mbola tsy
nanokatra ny varavarana tao amin'ny efitra ambony ilay mpanjaka. Ary nalain'izy ireo ny fanalahidy, dia novohainy ireo,
ary nitsirara teo ny tompony, lavo tamin'ny tany, ary maty.
[26]Raha teo am-piandrasana ireo mpanompo, dia nanontany tena ny amin'izay tokony hatao izy ireo, nandositra i Ehoda ka
nanalavitra ilay toerana misy ireo sarin-javatra voasokitr'ireo sampy, ary noho izany dia nandositra tany Seïrata izy.
[27]Rehefa tonga izy, dia nitsoka ny trompetra iray teo amin'ny tany havoan'i Efraima. Ka nidina niaraka taminy avy any
amin'ny havoana ny vahoakan'Israely, ary izy no nitarika azy ireo.
[28]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Manaraha ahy, fa efa handresy ireo fahavalonareo Yaveh, dia ireo Moabita." Nanaraka azy
izy ireo ary nisambotra ireo fitàn'i Jordana fandalovan'ireo Moabita, ary tsy namela na iza na iza hiampita ny renirano
izy ireo. [29]Tamin'izany fotoana izany dia namono lehilahy Moabita teo amin'ny iray alina teo izy ireo, ary lehilahy
natanjaka sy mahavita azy izy rehetra. Tsy nisy afa-nandositra. [30]Ary tamin'izany andro izany Moaba dia resin'ny
tanjak'Israely, ary nilamina nandritra ny valopolo taona ny tany.
[31]Taorian'i Ehoda dia i Samgara zanaka lahin'i Anata izay namono olona 600 tamin'ireo Filistina tamin'ny hazo
fanindromana biby fiompy no mpitsara manaraka. Nanafaka an'i Israely tamin'ny loza ihany koa izy.

4 [1]Taorian'ny nahafatesan'i Ehoda, dia nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh indray ny vahoakan'Israely. [2]Namidin'i Yaveh
teo an-tanan'i Jabina mpanjakan'i Kanana izay nanjaka tao Hazora izy ireo. Ny anaran'ny mpitari-tafiny dia i Sisera,
ary nipetraka tao Harosetan'ireo Jentilisa izy. [3]Niantso vonjy mafy tamin'i Yaveh ny vahoakan'Israely, satria nanana
kalesy vy sivinjato Sisera ary nampahory ny vahoakan'Israely tamin-kery nandritra ny roapolo taona izy.
[4]Ary Debora, mpaminany vavy (vadin'i Lapidota), no nitarika ny fitsarana tao Israely tamin'izany fotoana izany. [5]Zatra
nipetraka teo ambany rofian'i Debora anelanelan'i Rama sy Betela tao amin'ny tany havoanan'i Efraima izy, ary ny
vahoakan'Israely nankany aminy mba hametraka ireo fifandiran'izy ireo taminy.
[6]Naniraka an'i Baraka zanaka lahin'i Abinoama avy any Kadesy ao Naftaly izy. Hoy izy taminy: "Yaveh, ry
Andriamanitr'Israely, mandidy anao hoe: 'Mandehana any an-tendrombohitra Tabara, ary mitondrà lehilahy iray alina
avy ao Naftaly sy Zebolona. [7]Hanatsoaka an'i Sisera, mpitari-tafik'i Jabina Aho, mba hihaona aminao eo amin'ny renirano
Kisona, miaraka amin'ireo kalesiny sy ireo tafiny, ary hanome anao fandresena azy ireo Aho."
[8]Hoy Baraka taminy: "Raha miaraka amiko ianao, dia handeha aho, nefa raha tsy miaraka amiko ianao, dia tsy handeha
aho. [9]Hoy izy: "Hiaraka aminao tokoa aho. Na izany aza, ny lalana izay andehananareo dia tsy hitarika anareo any
amin'ny voninahitrareo, fa hivarotra an'i Sisera eo an-tanan'ny vehivavy i Yaveh." Dia niakatra Debora ary niaraka
tamin'i Baraka nankany Kadesy.
[10]Niantso ireo lehilahin'i Zebolona sy Naftaly mba hiaraka ho any Kadesy i Baraka. Lehilahy iray alina no nanaraka azy,
ary niaraka taminy i Debora.
[11]Ary Hebera (ilay Kenita) nisaraka tamin'ireo Kenita_taranak'i Hobaba izy ireo (rafozan-dahin'i Mosesy) _ary nanorina ny
lainy teo amin'ny terebinta tany Zananima akaikin'i Kadesy izy.
[12]Rehefa nolazain'izy ireo tamin'i Sisera fa niakatra tany an-tendrombohitra Tabara i Baraka zanaka lahin'i Abinoama,
[13]dia niantso mafy ireo kalesiny rehetra i Sisera, kalesy vy sivinjato, ary ireo miaramila rehetra izay niaraka taminy,
hatreo Harosetan'ny Jentilisa ka hatrany amin'ny Renirano Kisona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Hoy Debora tamin'i Baraka: "Mandehana! Fa ity no andro izay nanomezan'i Yaveh fandresena anareo eo amin'i Sisera. Moa ve tsy mitarika anareo i Yaveh?" Dia nidina avy teny an-tendrombohitra Tabara niaraka tamin'ireo lehilahy iray alina nanaraka azy i Baraka.
[15]Nampifanjevon'i Yaveh ireo tafik'i Sisera, ireo kalesiny rehetra, ary ireo tafiny rehetra. Nanafika azy ireo ny lehilahin'i Baraka ka nidina tamin'ny kalesiny i Sisera ary nitsoaka an-tongotra. [16]Fa nenjehin'i Baraka hatrany Harosetan'ny Jentilisa ireo kalesy sy ny tafika, ary ny tafik'i Sisera manontolo dia novonoina tamin'ny lelan-tsabatra, ary tsy nisy niangana na dia lehilahy iray aza.
[17]Nefa Sisera nandositra an-tongotra tany amin'ny lain'i Jaela, vadin'i Hebera Kenita, satria nihavana i Jabina mpanjakan'i Hazora, sy ny ankohonan'i Hebera Kenita. [18]Nivoaka hihaona amin'i Sisera i Jaela ary nanao taminy hoe: "Mivilia, ry tompoko, mivilia aty amiko ary aza matahotra." Dia nivily tany aminy izy ka niditra tao amin'ny lainy, ary norakofany tamin'ny bodofotsy izy.
[19]Hoy izy taminy: "Mba omeo rano kely ho sotroina re aho, fa mangetaheta." Nanokatra kitapon-dronono hoditra izy ary nanome azy ho sotroina, avy eo dia norakofany indray izy. [20]Hoy izy taminy: "Mitsangàna eo am-baravaran'ny lay. Raha misy olona tonga ary manontany anao hoe: 'Misy olona ve ato?', dia teneno hoe: 'Tsia'."
[21]Ary Jaela (vadin'i Hebera) naka tsatokan-day sy tantanana teny an-tanany ary niditra an-tsokosoko tao aminy, fa tao anaty torimaso lalina izy, ary nively ny tsatokan-day tamin'ny tantanana teo amin'ny faritry ny lohany izy ary nitsatoka taminy izany ka nirodana tamin'ny tany, dia maty izy. [22]Raha nanenjika an'i Sisera i Baraka, dia naniry ny hivoaka hihaona aminy i Jaela ary nanao taminy hoe: "Avia, hasehoko anao ny lehilahy tadiavinao." Dia niaraka niditra taminy izy, ary indro Sisera maty nitsirara, miaraka amin'ny tsatokan-day teo anilan'ny lohany.
[23]Ka tamin'izany andro izany no nandresen'Andriamanitra an'i Jabina, mpanjakan'i Kanana, teo anoloan'ny vahoakan'Israely. [24]Ny herin'ny vahoakan'Israely dia nihanatanjaka hatrany nanoloana ny mpanjakan'i Kanana, mandra-pandringanan'izy ireo azy.

5 [1]Tamin'izany andro izany Debora sy Baraka zanak'i Abinoama dia nihira ity hira ity: [2]"Rehefa mitarika ireo mpitarika ao Israely, rehefa manolo-tena am-pifaliana ho amin'ny ady ny vahoaka_ dia midera an'i Yaveh isika!
[3]Mihainoa, ianareo mpanjaka! Mifantoha, ianareo mpitarika! Izaho, izaho dia hihira ho an'i Yaveh; hihira fiderana ho an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely aho. [4]Yaveh, rehefa nivoaka avy tany Seira Ianao, rehefa nandeha avy tany Edoma anao, dia nihorohoro ny tany, ary nihovitrovitra koa ny lanitra; ary ny rahona nandatsaka rano ihany koa.
[5]Nihovitrovitra teo anatrehan'ny tavan'i Yaveh ny tendrombohitra; eny na ny Tendrombohitra Sinay aza dia nihovitrovitra teo anatrehan'ny tavan'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely. [6]Tamin'ny andron'i Samgara (zanaka lahin'i Anata), tamin'ny andron'i Jaela, nilaozana ireo lalam-be, ary ireo izay nandeha ihany no nampiasa ireo sakeli-dalana miolakolaka.
[7]Vitsy ny mpiady tany Israely, mandra-panapahako, izaho Debora— ilay reny nanapaka tao Israely! [8]Fony izy ireo nisafidy ireo andriamanitra vaovao, dia nisy ady teo amin'ny vavahadin'ny tanàna kanefa tsy nisy ampinga na lefona hita teo amin'ireo olona efatra alina tao Israely.
[9]Ny foko mankasitraka ny mpanapaka ny Israely, miaraka amin'ireo vahoaka izay nanolo-tena am-pifaliana—isaorantsika Yaveh noho izy ireo! [10]Eritrereto izao—ianareo izay mitaingina ampondra fotsy mipetraka eo amin'ny lamba ho solon'ny lasely, ary ianareo izay mandeha amin'ny lalana.
[11]Henoy ny feon'ireo izay mihira eo amin'ny tany fanondrahana. Any no ilazan'izy ireo indray ny fahamarinan'ny asan'i Yaveh, sy ny fahitsian'ny asan'ireo mpiadiny tany Israely. Avy eo dia nidina teo amin'ny vavahadin'ny tanàna ireo vahoakan'i Yaveh.
[12]Mifohaza, mifohaza, ry Debora! Mifohaza, mifohaza, mihirà fihirana! Mitsangàna, ry Baraka, ento ny voafonjanao, ianao ry zanaka lahin'i Abinoama. [13]Avy eo dia nidina teo amin'ireo olo-manan-kaja ireo sisa velona; nidina nankeo amiko niaraka tamin'ireo mpiady ny vahoakan'i Yaveh.
[14]Avy tany Efraima izy ireo, ny fototr'izy ireo dia any Amaleka; nanaraka anareo ireo vahoakan'i Benjamina. Nidina avy any Makira ireo mpifehy, ary avy any Zebolona ireo izay mitondra ny tehin'ny manam-boninahitra.
[15]Niaraka tamin'i Debora ireo andriako tao Isakara; ary Isakara niaraka tamin'i Baraka nikoropaka nanaraka azy tany an-dohasaha izay teo ambany fifehezany. Tao amin'ireo fokon'i Robena dia nisy fikasan'ny fo lehibe.
[16]Nahoana ianao no mipetraka eo afovoan'ny vala, mihaino ireo mpiandry ondry mitsoka ny sodiny ho an'ireo ondry aman'osiny? Raha ny amin'ny fokon'i Robena dia nisy fikasan'ny fo lehibe.
[17]Nijanona tany an-dafin'i Jordana i Gileada; ary Dana, nahoana izy no nivenjivenjy teny ambony sambo? Nijanona teny amoron-dranomasina i Asera ary nitoetra teny akaikin'ny seranan-tsambo. [18]Zebolona dia foko nanao vy very ny ainy hatramin'ny fahafatesana, ary Naftaly, ihany koa, dia teo amin'ny sahan'ady.
[19]Tonga ireo mpanjaka, niady izy ireo; niady tany Tanaka teo amoron'ny ranon'i Megido ireo mpanjakan'i Kanana. Nefa tsy naka volafotsy ho robaina izy ireo. [20]Avy eny amin'ny lanitra no niadin'ireo kintana, avy eny amin'ny lalan'izy ireo manerana ny lanitra no niadian'izy ireo tamin'i Sisera.
[21]Nifaoka azy ireo ny Renirano Kisona, ilay renirano fahagola, ilay Renirano Kisona. Mandrosoa hatrany ry fanahiko, matanjaha! [22]Ary dia nikatrokatroka ny kitron'ny soavaly—mihazakazaka, dia ny fihazakazak'ireo maheriny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]'Ozony Meroza!' hoy ny anjelin'i Yaveh. 'Ozony dia ozony ny mponina ao aminy! — satria izy ireo tsy tonga mba hanampy an'i Yaveh— hanampy an'i Yaveh amin'ny ady hanohitra ireo mpiady mahery.'
[24]Voatahy mihoatra noho ireo vehivavy rehetra i Jaela, Jaela (ilay vadin'i Hebera Kenita), voatahy mihoatra noho ny vehivavy rehetra izay mitoetra ao an-day izy. [25]Rano no nangatahin-dralehilahy, ary ronono no nomeny azy; nitondrany dibera teo an-dovia natokana ho an'ny andriana izy.
[26]Napetrany teo amin'ny tsatokan-day ny tanany, ary ny tanany havanana tamin'ny tantanan'ny mpiasa; dia namely an'i Sisera tamin'ilay tantanana izy, notorotoroany ny lohany. Raha nandefona ny firifany izy dia nopotipotehiny ho torotoro ny karan-dohany. [27]Lavo teo anelanelan'ny tongony izy, nianjera izy ary nidaraboka teo. Teo anelanelan'ny tongony izy no nitsirara. Teo amin'ny toerana namonoana azy tamin-kerisetra no nahalavo azy.
[28]Nitazana teo ambaravarankely izy— nitazana teo amin'ny makarakaran'ny varavarankely ny renin'i Sisera ary niantso mafy tamin'ny alahelo hoe: 'Nahoana no ela loatra vao tonga ny kalesiny? Nahoana ny kitron'ny sovaliny izay mitarika ny kalesiny no mitaredretra?'
[29]Namaly ny hendry indrindra tamin'ny andriambaviny, ary izy tenany ihany no namaly azy hoe: [30]"'Tsy efa nahita sy nizara ny babo ve izy ireo? Vehivavy iray, na vehivavy roa ho an'ny isan-dahy; fandrobana lamba mena ho an'i Sisera, fandrobana lamba mena misy peta-kofehy, lamba mena roa misy peta-kofehy ho eo am-bozon'ireo nandroba?'
[31]Ho ringana anie ny fahavalonao rehetra, ry Yaveh! Fa ireo namanao kosa dia ho toy ny masoandro rehefa miposaka amin'ny heriny." Dia nandry nandritra ny efapolo taona ny tany.

6 [1]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh ny vahoakan'Israely, ary natolony teo an-tanan'i Midiana nandritra ny fito taona izy ireo. [2]Nampahory ny Israely ny fahefan'i Midiana. Nohon'ny amin'ny Midiana, dia nanao fialofana ho azy ireo tao amin'ny zohy teny amin'ny havoana, tany an-dava-bato, ary tao amin'ny fiarovana mafy ny vahoakan'Israely.
[3]Ary isaky ny namboly ireo vokany ny Israelita, dia nanafika azy ireo ny Midianita sy ny Amalekita ary ny olona avy any atsinanana. [4]Nametraka ny tafiny teo amin'ny tany izy ireo ary namotika ireo vokatra, teny amin'ny lalana rehetra mankany Gaza. Tsy namela sakafo ho an'ny Israely, na ondry, na biby fiompy, na ampondra izy ireo.
[5]Isaky ny miakatra izy ireo sy ny biby fiompiny ary ny lainy, dia toy ny andiam-balala ny fiavin'izy ireo, ary tsy tambo isaina na ny olona na ireo ramevany. Nanafika ny tany mba hamotehana izany izy ireo. [6]Tena nampaosa an'ireo Israelita tokoa ny Midiana hany ka niantso mafy an'i Yaveh ny vahoakan'Israely.
[7]Rehefa niantso mafy an'i Yaveh ny vahoakan'Israely nohon'ny amin'i Midiana, dia nandefa mpaminany ho an'ny vahoakan'Israely i Yaveh. Hoy ny mpaminany tamin'izy ireo hoe: [8]"'Izao no lazain'i Yaveh, Andriamanitr'Israely: 'Nitondra anareo niakatra avy tany Egypta Aho; nitondra anareo nivoaka avy tao amin'ny trano fanandevozana Aho.
[9]Namonjy anareo teo amin'ny tanan'ny Egyptiana, sy teo amin'ny tanan'ireo rehetra izay nampahory anareo Aho. Nandroaka azy ireny teo anoloanareo, sy nanome ny taniny ho anareo Aho. [10]Hoy Izaho taminareo hoe: "Izaho no Yaveh Andriamanitrareo; nandidy anareo tsy hanompo ny andriamanitry ny Amorita, any amin'ny tany honenanareo Aho." Nefa tsy nankatò ny feoko ianareo.'"
[11]Ary tonga ny anjelin'i Yaveh ka nipetraka teo ambanin'ny hazo terebinta tao Ofra, izay an'i Joasy (ilay Abiezrita), raha nanasaraka ny vary tamin'ny fivelezana izany tamin'ny tany, teo amin'ny famiazana divay i Gideona, zanak'i Joasy_mba hanafenana izany amin'ireo Midianita. [12]Niseho taminy ilay anjelin'i Yaveh ka niteny taminy hoe: "Momba anao i Yaveh, ry mpiady mahery!'"
[13]Hoy Gideona taminy: "Indrisy, ry tompoko, raha momba anay i Yaveh, nahoana no mitranga aminay izao rehetra izao? Aiza ireo asa mahagaga izay nolazain'ny razanay taminay, tamin'izy ireo niteny hoe: "Tsy nitondra anay niakatra avy tany Egypta ve i Yaveh?' Nefa ankehitriny dia efa nahafoy anay ka nanolotra anay teo an-tanan'i Midiana i Yaveh."
[14]Nijery azy Yaveh ka niteny hoe: "Mandehana amin'izao hery efa hanananao izao. Afaho eo an-tanan'i Midiana i Israely. Tsy efa naniraka anao ve Aho?" [15]Hoy Gideona taminy: "Ahoana re ry Tompo no hamonjeko an'Israely? Indro, ny fianakaviako no marefo indrindra ao amin'i Manase, ary izaho no farany tsy manan-danja indrindra ao an-tranon'ny raiko."
[16]Hoy Yaveh taminy: "Homba anao Aho, ary handresy ny tafiky ny Midianita manontolo tahaka ny olona iray ianao." [17]Hoy Gideona taminy, raha mahita fitia aminao aho, dia omeo famantarana aho fa ianao tokoa no miteny amiko. [18]Aza miala eto re, mandra-piaviko eto aminao hitondra ny fanomezana ary hametraka izany eo anoloanao." Hoy i Yaveh: "Hiandry Aho mandra-piverinao."
[19]Ary lasa i Gideona ka nanomana zanak'osy ary avy tamin'ny lafarinina eran'ny efaha no nanaovany mofo tsy misy masirasira. Nataony tao anaty harona ny hena, ary nataony tao anaty vilany ny rony dia nentiny teo aminy teo ambanin'ny hazo terebinta, ary nasehony azy ireo. [20]Hoy ny anjelin'Andriamamanitra taminy: "Raiso ny hena sy ny mofo tsy misy masirasira ka apetraho eo ambonin'ity vatolampy ity ireo, ary araraho ho eo amin'ireo ny rony." Dia izany no nataon'i Gideona.
[21]Ary ny anjelin'i Yaveh naninjitra ny tendron'ny tehina tamin'ny tanany. Tamin'izany no nikasihany ny hena sy ny mofo tsy misy masirasira; nisy afo niakatra avy tao amin'ny vatolampy ka nandevona ny hena sy ny mofo tsy misy masirasira. Avy eo dia lasa ny anjelin'i Yaveh ka tsy nahita azy intsony i Gideona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Ary Gideona nahafantatra fa anjelin'i Yaveh izy. Hoy Gideona hoe: "Oh, ry Yaveh Andriamanitra! Fa nifanatri-tava tamin'ny anjelin'i Yaveh aho!" [23]Hoy Yaveh taminy: "Fiadanana anie ho anao! Aza matahotra, fa tsy ho faty ianao." [24]Ary nanorina alitara ho an'i Yaveh teo i Gideona. Nantsoiny hoe: "Yaveh dia fiadanana" izany. Mandraka androany dia mbola mitsangana ao Ofran'ny fokon'i Abiezrita izany.
[25]Ary tamin'izany alina izany dia hoy Yaveh taminy: "Alaivo ny omby lahin-drainao, dia ny omby lahy faharoa izay efa fito taona, ravao ny alitaran'i Bala izay an'ny rainao, ary tapaho ny Aseraha izay eo anilan'izany. [26]Manangana alitara ho an'i Yaveh Andriamanitrao eo amin'ny tampon'ity toerana fialofana ity, dia aoreno araka ny tokony ho izy izany. Atolory ho fanatitra dorana ny omby lahy faharoa, amin'ny fampiasana ny hazo avy amin'ny Aseraha izay nokapainao."
[27]Ka dia naka folo tamin'ireo mpanompony i Gideona ary nanao araka izay nolazain'i Yaveh taminy. Ary satria natahotra loatra ny ankohonan-drainy sy ireo lehilahy tao an-tanàna ny hanao izany mandritra ny andro izy, dia nataony nandritra ny alina izany.
[28]Nony maraina rehefa nifoha ny lehilahy tao an-tanàna, dia efa rava ny alitaran'i Bala, ary ny Aseraha teo anilany dia voakapa, ary ny omby lahy faharoa dia natao fanatitra teo amin'ny alitara izay vao naorina. [29]Ny lehilahy teo an-tanàna dia nifampiresaka hoe: "Iza no nanao izao?" Rehefa niresaka tamin'ny hafa izy ireo ka nikaroka izay valiny, dia hoy izy ireo: "Gideona zanak'i Joasy no nanao izao zavatra izao."
[30]Ary hoy ireo lehilahy tao an-tanàna tamin'i Joasy hoe: "Avohay ny zanakao mba hovonoina ho faty, satria noravany ny alitaran'i Bala, ary satria nokapainy ny Aseraha teo anilan'izany."
[31]Hoy i Joasy tamin'ireo rehetra izay nanohitra azy hoe: "Hifona ny zava-misy ho an'i Bala ve ianareo? Hamonjy azy ve ianareo? Na iza na iza hifona ho azy, dia aoka izy ho vonoina ho faty raha mbola maraina koa. Raha andriamanitra i Bala, aoka izy hiaro ny tenany rehefa noravan'ny olona ny alitarany." [32]Ary tamin'izany andro izany i Gideona dia nantsoin'izy ireo hoe: "Jerobala," satria hoy izy hoe: "Aoka hiaro ny tenany i Bala." satria efa nandrava ny alitaran'i Bala i Gideona.
[33]Ary ny Midianita sy ny Amalekita ary ny olona rehetra avy any atsinanana dia niara-nivory. Niampita an'i Jordana izy ireo ary nitoby teo amin'ny Lohasahan'i Jezirela.
[34]Fa tonga tamin'i Gideona ny fanahin'i Yaveh. Nitsoka ny trompetra, niantso ny fianakaviam-ben'i Abiezrita i Gideona, mba hanarahan'izy ireo azy. [35]Nandefa iraka eran'i Manase manontolo izy, ary izy ireo koa, dia voahantso mba hanaraka azy. Nandefa iraka ho an'i Asera, Zebolona, ary Naftaly ihany koa izy, ary niakatra mba hihaona aminy izy ireo.
[36]Hoy Gideona tamin'Andriamanitra: "Raha nihevitra ny hampiasa ahy hamonjy an'Israely Ianao, araka izay nolazainao_
[37]Indro, izaho mametraka ny volon'ondry eo amin'ny famoloana. Raha misy ando eo amin'ny volon'ondry, ka maina eo amin'ny tany rehetra, dia ho fantatro fa hampiasa ahy mba hamonjy an'Israely Ianao, araka izay nolazainao."
[38]Toy izao no niseho_nifoha maraina be i Gideona ny ampitso, niara-nofihazany ny volon'ondry, ary nisy ando nivoaka tamin'ny volon'ondry, ampy nahafeno lovia iray ny rano.
[39]Ary hoy Gideona tamin'Andriamanitra hoe: "Aza tezitra amiko, fa mbola hiteny indray mandeha aho. Avelao re aho mba hanandrana hampiasa indray mandeha ny volon'ondry. Ho maina ny volon'ondry amin'io fotoana io, ary aoka ho feno ando ny tany manodidina azy." [40]Nanao izay nangatahiny Andriamanitra tamin'izany alina izany. Ny volon'ondry dia maina, ary feno ando teo amin'ny tany rehetra nanodidina izany.

7 [1]Dia nifoha maraina i Jerobala (Gideona izany), sy ny vahoaka rehetra izay niaraka taminy, ary nitoby teo anilan'ny loharanon'i Haroda izy ireo. Ny tobin'ny Midiana dia tao avaratr'izy ireo tao an-dohasaha nanakaiky ny vohitr'i More.
[2]Dia hoy Yaveh tamin'i Gideona hoe: "Maro loatra amiko ireo miaramila, mba hanomezako fandresena ho anao eo amin'ireo Midianita, mba tsy hireharehan'i Israely amiko, hanao hoe: 'Ny herinay no namonjy anay.' [3]Ary ankehitriny, ambarao eo an-tsofin'ny vahoaka ka lazao hoe: 'Na iza na iza matahotra, na iza na iza mangovitra, dia aoka izy hiverina ka hiala ao an-Tendrombohitra Gileada.'" Dia lasa ny olona roa arivo sy roa alina noho izany, ary ny iray alina kosa nijanona.
[4]Dia hoy Yaveh tamin'i Gideona hoe: "Mbola maro loatra ihany ny olona. Ento midina eny amin'ny rano izy ireo, ary hahenako ho anao eny ny isan'izy ireo. Raha hoy Izaho aminao hoe: 'Ity iray ity no hiaraka aminao,' dia hiaraka aminao izy; fa raha hoy Izaho hoe: 'Ity iray ity tsy hiaraka aminao,' dia tsy hiaraka aminao izy."
[5]Dia nentin'i Gideona nidina teny amin'ny rano ny olona, ary hoy Yaveh taminy hoe: "Atokano izay rehetra milelaka ny rano, toy ny filelaky ny alika, amin'ireo izay mandohalika ambany mba hisotro." [6]Lehilahy telonjato no nilelaka. Ny sisa tamin'ny lehilahy kosa nandohalika mba hisotro rano.
[7]Dia hoy Yaveh tamin'i Gideona hoe: "Amin'ny alalan'ireo telonjato lahy izay nilelaka ny rano, no hanavotako anareo, sy hanomezako anareo ny fandresena eo amin'ireo Midianita. Aoka ny lehilahy hafa rehetra hiverina any an-tanànany avy."
[8]Ka dia naka ireo vatsiny sy ireo trompetrany ireo izay voafidy. Nampodian'i Gideona ny lehilahin'Israely rehetra, ny lehilahy rehetra mba samy ho ao an-dainy, nefa nazoniny ireo telonjato lahy. Ary ny tobin'i Midiana dia tao ambaniny tao an-dohasaha.
[9]Tamin'io alina io ihany dia hoy Yaveh taminy hoe: "Mifohaza! Tafio ny toby, fa homeko anao ny fandresena an'izany. [10]Fa raha matahotra ny hidina kosa ianao, dia midina ao an-toby miaraka amin'i Pora mpanomponao, [11]ary henoy izay lazain'izy ireo, dia hatanjaka ny herim-ponao amin'ny fanafihana ny toby." Ary dia nidina niaraka tamin'i Pora mpanompony, tao amin'ireo toerana fiambenana ny toby i Gideona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Ny Midianita, ny Amalekita, sy ny olona rehetra avy any antsinana dia niara-nitoetra tao an-dohasaha, maro dia maro tahaka ny andiam-balala. Tsy tambo isaina ny ramevan'izy ireo; maro noho ny fasika eny amoron-dranomasina izy ireo.
[13]Rehefa tonga tao i Gideona, dia nisy lehilahy iray nitantara nofy tamin'ny namany. Dia hoy ralehilahy hoe: "Indro! Nanofy aho, ary nahita mofo hordea boribory nikodiadia tao an-tobin'i Midiana. Dia tonga tao an-day izany, sady nandona azy mafy dia mafy ary nianjera ka nitsimbadika ambony ambany, ka dia fisaka." [14]Dia hoy ilay lehilahy iray hoe: "Tsinontsinona izany mihoatra ny sabatr'i Gideona (zanaka lahin'i Joasy), ilay Israelita. Efa nanome azy fandresena teo amin'ireo Midiana, sy ny miaramilany rehetra Andriamanitra."
[15]Rehefa ren'i Gideona indray ny filazana ny nofy sy ny fandikana izany, dia niankohoka nivavaka izy. Dia niverina tao an-tobin'i Israely izy ka nanao hoe: "Mifohaza! efa nomen'i Yaveh anareo ny fandresena ny miaramila Midiana." [16]Dia nozarainy ho vondrona telo ny telonjato lahy, ary nomeny trompetra sy siny foana izy rehetra, miaraka amin'ireo fanilo anatin'ny siny tsirairay.
[17]Dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Mijere ahy ka ataovy izay ataoko. Jereo! rehefa tonga eo amin'ny sisin'ny toby aho, dia tsy maintsy hataonareo izay hataoko. [18]Rehefa mitsoka ny trompetra aho, dia izaho sy izay rehetra miaraka amiko, dia tsofy manodidina ny toby manontolo ihany koa ny trompetranareo ka mihikà hoe: 'Ho an'i Yaveh sy Gideona!'"
[19]Dia tonga teo an-tsisin'ny toby i Gideona sy ny zato lahy izay niaraka taminy, tamin'ny fanombohan'ny antenantenan'ora indrindra. Raha teo am-panoloana mpiambina indrindra ireo Midianita, dia notsofin'izy ireo ny trompetra ary novakian'izy ireo ny siny izay teny an-tanan'izy ireo.
[20]Notsofin'ireo vondrona telo ireo trompetra ary novakiany ireo siny. Notanan'izy ireo tamin'ny tanana ankavia ireo fanilo ary tamin'ny tanana ankavanana kosa ireo trompetra mba hitsofana izany. Dia nihiaka mafy izy ireo hoe: "Ny sabatr'i Yaveh sy i Gideona." [21]Nitsangana nanodidina ny toby tamin'ny fitoerany avy ny lehilahy rehetra ary nandositra ny miaramila Midiana rehetra. Dia niantsoantso izy ireo sady vaky nandositra.
[22]Rehefa notsofin'izy ireo ny trompetra telonjato, dia nataon'i Yaveh nifamely tamin'ny sabatra ireo Midianita sy ny namany ary ny tafiny rehetra. Dia nandositra hatrany Beti-Sita hatrany Zereraha ny miaramila, hatrany amin'ny faritanin'i Abela-mehola, akaikin'i Tabata. [23]Nantsoina mafy ireo lehilahin'i Israely avy any Naftaly, Asera, ary Manase rehetra, ary nanenjika ny Midiana izy ireo.
[24]Dia naniraka mpitondra hafatra nanerana ny tany havoanan'i Efraima rehetra Gideona, nanao hoe: "Mandehana midina hanohitra ny Midiana ka araho maso ny onin'i Jordana, hatrany Beti-bara, mba hampitsaharana azy ireo." Dia niara-nivory ny lehilahin'i Efraima rehetra ka nanara-maso ireo rano, hatrany Beti-bara sy ny Reniranon'i Jordana.
[25]Voasambotr'izy ireo ny andrian'ny Midiana roa, Oreba sy Zeba. Novonoin'izy ireo tany amin'ny vatolampin'i Oreba i Oreba, ary novonoin'izy ireo tany amin'ny famiazam-boalobok'i Zeba i Zeba. Dia nanenjika ny Midiana izy ireo, ary nentin'izy ireo teo amin'i Gideona ny lohan'i Oreba sy i Zeba, izay tany amin'ny lafiny iray hafan'i Jordana.

8 [1]Hoy ireo lehilahin'i Efraima tamin'i Gideona hoe: "Inona izao zavatra nataonao taminay izao? Tsy niantso anay ianao raha nandeha niady tamin'ny Midiana." Nifamaly mafy taminy izy ireo.
[2]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Inona moa no vitako ankehitriny raha oharina aminareo? Moa ve ny fanangonam-boalobok'i Efraima tsy tsara kokoa mihoatra ny fiotazam-boalobok'i Abiezera? [3]Andriamanitra efa nanome fandresena anareo teo anatrehan'ireo andrian'ny Midiana__dia Oreba sy Zeba! Inona moa no vitako mihoatra izay vitanareo?" Nilefy ny fahatezeran'izy ireo taminy rehefa niteny izany izy.
[4]Tonga teo amin'i Jordana i Gideona ary nita izany, izy sy ireo lehilahy telonjato izay niaraka taminy. Reraka loatra izy ireo, nefa dia mbola nanohy ny fanenjehana ihany. [5]Hoy izy tamin'ireo olona tao Sokota hoe: "Mba omeo mofo ireo olona manaraka ahy, satria reraka loatra izy ireo, ary izaho hanenjika an'i Zebaha sy Zalamona, mpanjakan'i Midiana.
[6]Dia hoy ireo manam-pahefana hoe: "Moa ve eo am-pelatananao ny tanan'i Zebaha sy Zalmona ankehitriny? Nahoana no tokony hanome mofo ho an' ireo miaramilanao izahay? [7]Hoy Gideona hoe: "Rehefa omen'i Yaveh fandresena izahay manoloana an'i Zebaha sy Zalamona, dia ho triariko amin'ny tsilo avy any an'efitra sy raketa ny hoditrareo."
[8]Niakatra avy tao izy mba ho any Penoela ary niteny tahaka izany tamin'ny olona tao ihany koa, fa ny olona tao Penoela namaly azy tahaka ireo famalin'ny olona tao Sokota. [9]Niteny tamin'ny olon'i Penoela ihany koa izy nanao hoe: "Rehefa tafaverina am-pilaminana indray aho, dia harodako ity tilikambo ity."
[10]Ary niaraka tamin'ireo miaramilany tao Karkora i Zebaha sy Zalamona, tokony ho lehilahy dimy arivo sy iray alina eo, izay sisa rehetra tamin'ny tafikin'ny vahoaka antsinanana manontolo, satria nisy lehilahy 120. 000 lavo izay voaofana hiady amin'ny sabatra.
[11]Niakatra ilay lalan'ny mpitoetra an-day i Gideona, nandalo tao Noha sy Jogbeha. Nandresy ireo tafika fahavalo izy, satria tsy nanampo ny fanafiana izy ireo. [12]Nandositra i Zebaha sy Zalmona, ary raha nanenjika azy ireo i Gideona, dia voasambony ireo mpanjaka roan'i Midiana—i Zebaha sy Zalmona—ary nampihorohorony ny tafik'izy ireo manontolo.
[13]Gideona, zanaka lahin'i Joasy, dia niverina avy tany amin'ny ady ary nandalo teo lalan'i Heresa. [14]Nihaona tamina zatovolahy iray avy amin'ny mponina tao Sokota izy ary nitady torohevitra taminy. Nolazain'ilay tovolahy azy ny mombamomba ireo mpitariky ny Sokota sy ireo loholona tao, fito amby fitopolo lahy izy ireo.
[15]Ary tonga tao amin'ireo lehilahin'i Sokota i Gideona ka nanao hoe: "Indreo Zebaha sy Zalmona, izay nanesoanareo ahy sy nilazanareo hoe: 'Efa nandresy an'i Zebaha sy Zalmona ve ianao? Tsy fantatray fa tokony hanome mofo an'ireo tafikao

izahay.'" [16]Nalain'i Gideona ireo loholona tao amin'ilay tanàna, ary nofaiziny tamin'ireo tsilo avy tany an'efitra sy raketa ireo lehilahin'ny Sokota. [17]Avy eo dia narodany ny tilikambo tao Penoela ary novonoiny ny lehilahy tao amin'izany tanàna izany.
[18]Dia hoy i Gideona tamin'i Zebaha sy Zalmona hoe: "Lehilahy tahaka ny ahoana no novonoinareo tao Tabara?" Namaly izy ireo hoe: "Tahaka anao ihany izy ireo. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia toy ny zanaka mpanjaka avokoa." [19]Hoy Gideona hoe: "Rahalahiko izy ireo, zanaka lahin'ny reniko. Raha velona koa Yaveh, raha namonjy azy ireo ho velona ianareo, dia tsy namono anareo aho.
[20]Hoy izy tamin'i Jatera (lahimatoany) hoe: "Mitsangàna ary vonoy izy ireo!" Fa ilay tovolahy tsy nanatsoaka ny sabatrany fa natahotra, satria mbola zazalahy kely izy. [21]Dia hoy Zebaha sy Zalmona hoe: "Mitsangana ianao ary vonoy izahay! Fa araka ny toetry ny olona ihany ny heriny." Nitsangana Gideona ary namono an'i Zehaba sy Zalmona. Nesoriny ihany koa ny ravaka sarim-bolan-tsinana izay teo am-bozon'ny ramevan'izy ireo.
[22]Hoy ny lehilahin'Israely tamin'i Gideona hoe: "Manapaha anay—ianao, ny zanakao lahy, ary ny zafikelinao lahy— satria ianao no nanavotra anay teo amin'ny tanan'i Midiana." [23]Hoy Gideona tamin'izy ireo hoe: "Tsy hanapaka anareo aho, na ny zanako lahy koa aza dia tsy hanapaka anareo. Fa Yaveh no hanapaka anareo.
[24]Nilaza tamin'izy ireo i Gideona hoe: "Aoka aho hanao fangatahana aminareo: dia ny hanomezanareo ahy ireo kavina avy norobainy." (Nanana kavina volamena ireo Medianita satria Isimaelita izy ireo.) [25]Namaly izy ireo hoe: "An-kafaliana no hanomezanay ireo anao." Namelatra lamba izy ireo ary samy nanipy ireo firavaka avy norobainy ny lehilahy rehetra.
[26]Ny lanjan'ny kavim-bolamena izay nangatahiny dia sekely volamena 1. 700. Izany fandrobana izany dia niampy ny ravaka sarim-bolan-tsinana, ireo firavaka, ny akanjo volomparasy izay nanaovan'ireo mpanjakan'ny Midiana, ary niampy ny rojo izay nanodidina ny vozon'ny ramevan'izy ireo.
[27]Nanamboatra efoda avy amin'ireo kavina i Gideona ary napetrany tao an-tanànany, tao Ofra izany, ary nampijangajanga ny tenany tamin'ny fanompoana izany teo ny Israely rehetra. Lasa fandrika ho an'i Gideona sy ho an'ireo izay tao an-tranony izany. [28]Ka dia resy teo anatrehan'ny vahoakan'Israely ireo Midiana ary tsy nanarina ny lohan'izy ireo intsony izy ireo. Ary nilamina nandritra ny efapolo taona ny tany tamin'ny andron'i Gideona.
[29]Jerobala, zanaka lahin'i Joasy, nandeha ka nipetraka tao an-tranony. [30]Nanana zanaka fitopolo lahy izay taranany i Gideona, satria maro vady izy. [31]Ny vaditsindranony, izay tao Sekema, dia niteraka zazalahy taminy koa, ary Gideona nanome azy ny anarana hoe: Abimeleka.
[32]Gideona, zanaka lahin'i Joasy, dia maty rehefa tratra antitra tsara ary nalevina tao Ofra tao amin'ny fasan'i Joasy rainy, fokon'ny Abiezrita. [33]Ary raha vao maty i Gideona, niverina indray ireo zanak'Israely ary nampijangajanga ny tenany tamin'ny fanompoana an'ireo Bala. Nataon'izy ireo ho andriamaniny i Bala-berita.
[34]Ary ny vahoakan'Israely dia tsy nahatsiaro ny hanome voninahitra an'i Yaveh, Andriamanitr'izy ireo, izay nanavotra azy ireo teo amin'ny tanan'ireo fahavalo rehetra manodidina. [35]Tsy nitandrina ny fampanantenany tamin'ny tranon'i Jerobala (na Gideona) izy ireo, mba ho valin'ny soa rehetra nataony tamin'Israely.

9 [1]Nankany amin'ny havan-dreniny tany Sekema i Abimeleka zanak'i Jerobala ary niteny tamin'izy ireo sy ny fianakaviam-ben'ny ankohonan-dreniny rehetra hoe: [2]"Mba lazao re izao, mba ho ren'ny mpitarika rehetra ao Sekema: 'Inona no mety kokoa aminareo: manana ny zanak'i Jerobala fitopolo lahy hanapaka eo aminareo, sa iray ihany no manapaka eo aminareo?' Tsarovy fa nofo sy rànareo aho."
[3]Niresaka tamin'ireo mpitarik'i Sekema ho azy ireo havan-dreniny, ary nanaiky ny hanaraka an'i Abimeleka izy ireo, satria hoy izy ireo hoe: "Rahalahintsika izy." [4]Nomen'izy ireo volafotsy madinika fitopolo avy tao an-tranon'i Bala-berita izy, ary nampiasain'i Abimeleka hanakaramana ireo lehilahy mpandika lalàna sady sahisahy ratsy izay nanaraka azy izany.
[5]Nankany an-tranon'ny rainy tany Ofra i Abimeleka, ary novonoiny teo ambonin'ny vato iray ireo rahalahiny fitopolo, dia ireo zanak'i Jerobala. Jotama no sisa tavela, dia ilay zanak'i Jerobala faralahy, satria niafina izy. [6]Niara-tonga ny mpitarik'i Sekema sy Beta-milo rehetra ka nandeha ary nanao an'i Abimeleka ho mpanjaka, teo anilan'ny hazo terebinta akaikin'ny andry izay any Sekema.
[7]Rehefa nolazaina ny mikasika izany i Jotama, dia nandeha izy ary nitsangana teo an-tampon'ny Tendrombohitra Gerizima. Niantsoantso izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Henoy aho, ianareo mpitarik'i Sekema, mba hihainoan'Andriamanitra anareo. [8]Indray andro dia nivoaka ny hazo mba hanosotra mpanjaka iray ho eo amin'izy ireo. Satria hoy izy ireo tamin'ny hazon'oliva hoe: "Manjakà aminay.'
[9]Nefa hoy ny hazon'oliva tamin'izy ireo: "Tokony hafoiko ve ny diloiloko, izay ampiasaina hanomezam-boninanahitra ireo andriamanitra sy ny olombelona, mba hahafahako mandeha miverina, ka hitsingevangevana eny amin'ny hazo hafa fotsiny ihany?' [10]Hoy ireo hazo tamin'ilay aviavy: 'Avia ka manjakà aminay.' [11]Fa hoy kosa ilay aviavy tamin'ireo: 'Tokony hafoiko ve ny hamamiko sy ny voa tsarako, mba hahafahako miverina ka hitsingevangevana eo amin'ireo hazo hafa fotsiny ihany?'
[12]Hoy ireo hazo tamin'ilay voaloboka: 'Avia ka manjakà aminay.' [13]Hoy ilay voaloboka tamin'izy ireo hoe: 'Tokony hafoiko ve ny divay vaovaoko, izay mampifaly ny andriamanitra sy ny olombelona, ka hiverina ary hitsingevangevana eo amin'ireo hazo hafa?' [14]Dia hoy ny hazo rehetra tamin'ny tsilon-draketa: 'Avia ka manjakà aminay.'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Hoy ny tsilon-draketa tamin'ireo hazo: 'Raha tena te hanosotra ahy ho mpanjaka eo aminareo ianareo, dia avia ary
mitadiava fiarovana eo amban'ny aloko. Raha tsy izany, dia aoka hivoaka avy ao amin'ny tsilon-draketa ny afo ary aoka
izany handoro ny sederan'i Libanona.' [16]Ankehitriny ary, raha nanao ny marina sy mahitsy ianareo, tamin'ny
nanaovanareo an'i Abimeleka ho mpanjaka, ary raha nanao ny tsara mahakasika an'i Jerobala sy ny ankohonany, ary
raha nanafay azy araka izay mendrika azy ianareo—
[17]—ary mihevitra fa niady ho anareo ny raiko, nanao vy very ny ainy, ary namonjy anareo tamin'ny tanan'i Midiana— [18]fa
ankehitriny ianareo dia efa nitsangana hanohitra ny ankohonan-draiko ary namono ireo zanany lahy, dia olona fitopolo,
teo ambony vato iray izany. Ary nataonareo mpanjaka eo amin'ireo mpitarik'i Sekema i Abimeleka, zanaky ny
mpanompo vaviny, satria havanareo izy.
[19]Raha nanao ny marina sy mahitsy tamin'i Jerobala sy ny ankohonany ianareo, dia tokony hiravoravo amin'i Abimeleka,
ary hamela azy hiravoravo aminareo. [20]Fa raha tsy izany, dia aoka hisy afo hivoaka avy ao amin'i Abimeleka ka handoro
ny olon'i Sekema sy Beta-milo. Aoka hisy afo hivoaka avy ao amin'ireo olon'i Sekema sy Beta-milo, mba handoro an'i
Abimeleka." [21]Nandositra ka nitsoaka i Jotama, ary nandeha tany Bera izy. Nonina tany izy satria lavitra an'i Abimeleka
rahalahiny izany.
[22]Nanapaka teo amin'Israely nandritra ny telo taona i Abimeleka. [23]Dia nandefa fanahy ratsy teo amin'i Abimeleka sy ireo
mpitarik'i Sekema Andriamanitra. Namadika ny toky izay nananan'izy ireo tamin'i Abimeleka ireo mpitarik'i Sekema.
[24]Nanao izany Andriamanitra mba ho voavaly faty ny herisetra natao tamin'ireo zanak'i Jerobala fitopolo lahy, ary ho
voatazona ho tompon'antoka ireo olon'i Sekema satria nanampy azy namono an'ireo rahalahiny izy ireo.
[25]Koa dia nametraka olona hiandry teo an-tampon-kavoana ireo mpitarika mba hahafahan'izy ireo mamely azy tampoka,
ary norobain'izy ireo avokoa ireo izay nandalo teo amin'izy ireo teo amin'izany lalana izany. Voatatitra tany amin'i
Abimeleka izany.
[26]Dia tonga niaraka tamin'ireo havany i Gala zanak'i Ebeda ary nankany Sekema. Nanana fitokisana taminy ny mpitarik'i
Sekema. [27]Nivoaka tany an-tsaha izy ireo ary nanangona voaloboka avy tao amin'ny tanim-boaloboka, ary dia
nohitsakitsahiny izany. Nanao firavoravoana tao an-tranon'ny andriamaniny izy ireo, izay nihinanan'izy ireo sy
nisotroany, ary nanozonan'izy ireo an'i Abimeleka.
[28]Hoy i Gala, zanak'i Ebeda hoe: "Iza moa i Abimeleka, ary iza i Sekema, no dia tokony hanompo azy isika? Moa tsy zanak'i
Jerobala ve izy? Moa tsy Zebola ve no lefiny? Tompoy ny olon'i Hamora, dia ny rain'i Sekema izany! Nahoana isika no
tokony hanompo an'i Abimeleka? [29]Iriako mba teo ambany fifehezako ity vahoaka ity! Dia ho nesoriko i Abimeleka. Dia
niteny tamin'i Abimeleka aho hoe: 'Antsoy ny tafikao rehetra.'"
[30]Rehefa nandre ny tenin'i Gala zanak'i Ebeda rehetra i Zebola, manam-boninanihitry ny tanàna, dia nirehitra ny
fahatezerany. [31]Nandefa iraka tany amin'i Abimeleka izy mba hamitahana, nanao hoe: "Indro, Gala zanak'i Ebeda sy ireo
havany dia ho avy any Sekema, ary manainga ny tanàna hanohitra anao izy ireo.
[32]Ankehitriny ary, dia mifohaza mandritra ny alina, ianao sy ireo miaramila miaraka aminao, ka manomàna fanafihana
tampoka any an-tsaha. [33]Ary amin'ny maraina, vantany vao mihiratra ny masoandro, dia mifohaza vao maraina ary
manaova rodobe eny amin'ny tanàna. Rehefa mivoaka hanohitra anao izy sy ireo olona miaraka aminy, dia manaova izay
afakao amin'izy ireo."
[34]Koa dia nifoha nandritra ny alina i Abimeleka, sy ireo lehilahy rehetra izay niaraka taminy, ary nametraka fanafihana
tampoka hanohitra an'i Sekema izy ireo—nizara ho antoko efatra izany. [35]Nivoaka i Gala zanak'i Ebeda ary nitsangana teo
amin'ny fidirana teo amin'ny vavahadin'ny tanàna. Nivoaka avy tao amin'ny toerana fiafenany i Abimeleka sy ireo
lehilahy niaraka taminy.
[36]Rehefa hitan'i Gala ireo lehilahy, dia hoy izy tamin'i Zebola hoe: "Indreo, misy olona midina avy any an-tampon-
kavoana!" Hoy Zebola taminy hoe: "Toy ny olona ny fahitanao ireo aloka eo amin'ny havoana." [37]Dia niteny indray i Gala
ka nanao hoe: "Indreo, misy olona midina eo afovoan'ny tany, ary misy antoko iray tonga avy eo amin'ny hazo
terebintan'ireo mpanandro."
[38]Dia hoy Zebola taminy: "Aiza ary ireo teny mieboebonao ankehitriny, ianao ilay niteny hoe: 'Iza moa i Abimeleka no
tokony ho tompointsika?' Moa ve tsy nanamavo ireo lehilahy ireo ianao? Mivoaha izao ka miadia amin'izy ireo."
[39]Nivoaka i Gala ary nitarika ireo lehilahin'i Sekema, ary niady tamin'i Abimeleka izy ireo. [40]Nanenjika azy i Abimeleka,
ary nandositra teo anoloany i Gala. Maro no lavon'ny ratra mahafaty teo anoloan'ny fidirana teo am-bavahadin'ny
tanàna.
[41]Nitoetra tany Amora i Abimeleka. Noteren'i Zebola hivoaka an'i Sekema i Gala sy ireo havany. [42]Ny ampitso dia nivoaka
ho any an-tsaha ireo vahoakan'i Sekema, ary voatatitra tany amin'i Abimeleka izany. [43]Naka ireo vahoakany izy, nizara
azy ireo ho antoko telo, ary nanomana fanafihana tampoka tany an-tsaha izy ireo. Nitazana izy ka nahita ny olona
nivoaka avy any an-tanàna ary nanafika izy ka nahafaty azy ireo.
[44]Nanafika ary nanampina ny fidirana teo amin'ny vavahadin'ny tanàna i Abimeleka sy ireo antoko niaraka taminy. Ireo
antoko roa hafa dia nanafika an'ireo rehetra tany an-tsaha ary namono azy ireo. [45]Niady hanohitra ny tanàna rehetra
tamin'izany tontolo andro izany i Abimeleka. Nambabo ny tanàna izy, ary nahafaty an'ireo vahoaka izay tao amin'izany.
Narodany ny mandan'ny tanàna ka nandrarahany sira izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[46]Rehefa nandre ny momba izany ireo mpitarika teo amin'ny tilikambon'i Sekema, dia niditra tao amin'ny fiarovana mafin'ny tranon'i El-berita izy ireo. [47]Nolazaina tamin'i Abimeleka fa niara-nivory tao amin'ny tilikambon'i Sekema ny mpitarika rehetra.
[48]Nandeha niakatra tany an-tendrombohitra Zalmona i Abimeleka, izy sy ireo lehilahy rehetra niaraka taminy. Naka famaky i Abimeleka ary nanapaka rantsan-kazo. Napetrany teo an-tsorony izany ary nibaiko ireo lehilahy niaraka taminy izy hoe: "Izay hitanareo ataoko, faingàna ka manaova tahaka ny nataoko." [49]Koa dia nikapa rantsan-kazo ny olon-drehetra ary nanaraka an'i Abimeleka. Navangongon'izy ireo teo amin'ny rindrin'ny tilikambo izany, ary nodoran'izy ireo, hany ka maty ihany koa ny olona rehetra tao amin'ny tilikambon'i Sekema, dia lehilahy sy vehivavy manodidina ny arivo izany.
[50]Dia nankany Tebeza i Abimeleka, ary nitoby tandrifin'i Tebeza izy ka nambabo izany. [51]Saingy nisy tilikambo mafy tao amin'ny tanàna, ary vaky nandositra nankao amin'izany ireo lehilahy sy vehivavy ary ireo mpitarika ny tanàna rehetra ka nihidy tao. Avy eo dia niakatra teny an-tafon'ilay tilikambo izy ireo.
[52]Nankany amin'ilay tilikambo i Abimeleka ka niady tamin'izany, ary niakatra nanakaiky ny varavaran'ny tilikambo izy mba handoro azy. [53]Saingy nisy vehivavy nandatsaka vato fikosoham-bary teo amin'ny lohan'i Abimeleka ka nahavaky ny karan-dohany. [54]Avy eo dia niantso faingana an'ilay tovolahy izay mpitondra ny fiadiany izy, ary niteny taminy hoe: "Avoahy ny sabatrao dia vonoy aho, mba tsy hisy hilaza ny amiko hoe: 'Vehivavy no namono azy.'" Ka notrobaran'ilay tovolahy izy, ary maty.
[55]Rehefa hitan'ireo olon'Israely fa maty i Abimeleka, dia nody izy ireo. [56]Koa dia namaly faty ny faharatsian'i Abimeleka izay nataony tamin-drainy tamin'ny namonoany ireo rahalahiny fitopolo Andriamanitra. [57]Naverin'Andriamanitra teo amin'ny lohan'izy ireo ihany ny faharatsian'ireo olon'i Sekema ary nanody azy ireo ny ozon'i Jotama zanak'i Jerobala.

10 [1]Taorian'i Abimeleka, Tola zanak'i Poa zanak'i Dodo, lehilahy avy any Isakara izay nonina tany Samira, tany amin'ny tany havoan'ny Efraima, nitsangana mba hanafaka an'Israely. [2]Nitsara ny Israely nandritra ny telo amby roapolo taona izy. Maty izy ary nalevina tany Samira.
[3]Nodimbiasin'i Jaira ilay Gileadita izy. Nitsara ny Israely nandritra ny roa amby roapolo taona izy. [4]Nanan-janaka telopolo lahy izay nitaingina boriky telopolo izy, ary nanana tanàna telopolo izy ireo, izay antsoina hoe Havota-jaira mandrak'androany, tany amin'ny tanin'i Gileada izy ireo. [5]Maty i Jaira ary nalevina tany Kamona.
[6]Nanampy ny ratsy izay nataon'izy ireo teo imason' i Yaveh ny vahoakan'i Israely ary nanompo ireo Bala, ireo Astarta, ireo andriamanitr'i Arama, ireo andriamanitr'i Sidona, ireo andriamanitr'i Moaba, ireo andriamanitry ny vahoakan'i Amona, ary ireo andriamanitr'i Filistina. Nandao an'i Yaveh izy ireo ary tsy nanompo Azy intsony. [7]Nirehitra tamin'i Israely ny hatezeran'i Yaveh, ary namidiny teo an-tanan'ireo Filistina sy teo an-tanan'ireo Amonita izy ireo.
[8]Namotika sy nampahory ny vahoakan'Israely izy ireo tamin'izany taona izany, ary nampahorian'izy ireo nandritry ny valo ambin'ny folo taona ny vahoakan'i Israely rehetra izay tany andafin'i Jordana tany amin'ny tanin'ireo Amorit, izay any Gileada. [9]Ary dia niampita an'i Jordana mba hiady tamin'i Joda, tamin'i Benjamina, ary tamin'ny ankohonan'i Efraima ireo Amorita, mba hampahory mafy an'Israely.
[10]Dia niantso mafy an'i Yaveh ny vahoakan'Israely, nanao hoe: "Efa nanota taminao izahay, satria nandao ny Andriamanitray izahay ary nonompo ireo Bala." [11]Hoy i Yaveh tamin'ny vahoakan'Israely: "Tsy nanafaka anareo tamin'ireo Egyptiana, Amorita, Amonita, Filistina, [12]ary koa tamin'ireo Sidoniana ve Aho? Nampahory anareo ireo Amalekita sy ireo Maonita; dia niantso mafy Ahy ianareo, ary nafahako tamin'ny herin'izy ireo ianareo.
[13]Dia mbola nandao Ahy indray ianareo ary nanompo ireo andriamani-kafa. Noho izany, tsy hanampy ny fotoana hanafahako anareo Aho. [14]Mandehana ary antsoy mafy ireo andriamanitra izay notompoinareo. Avelao izy ireo hanavotra anareo rehefa misy olana ianareo."
[15]Hoy ireo vahoakan'Israely tamin'i Yaveh: "Nanota izahay. Ataovy aminay na inona na inona mety ho tsara Aminao. Fa kosa, mba avoty re izahay amin'ity andro ity." [16]Dia nanaisotra ireo andriamanitra tsy izy teo aminy izy ireo ary nanompo an'i Yaveh. Ary tsy zakan'i Yaveh intsony ny fahorian'Israely.
[17]Dia niara-nivory ireo Amonita ary nanangana toby tao Gileada. Dia niara-tonga ireo Israelita ary nanangana ny tobiny tany Mizpa. [18]Ireo mpitarika ny vahoakan'i Gileada nifampiresaka hoe: "Iza ilay lehilahy izay hanomboka hiady amin'ireo Amonita? Ho lasa mpitarika ireo rehetra izay nitoetra tany Gileada izy."

11 [1]Ary Jefta ilay Gileadita dia mpiady mahery, saingy zanaka mpivaro-tena izy. Gileada no rainy. [2]Niteraka ireo zanany lahy hafa koa ny vadin'i Gileada. Rehefa lehibe ny zanaky ny vadiny, dia noteren'izy ireo handao ny trano i Jefta sady nanao taminy hoe: "Tsy handova na inona na inona avy amin'ny fianakavianay ianao. Zanaky ny vehivavy hafa ianao."
[3]Noho izany dia nitsoaka an'ireo rahalahiny Jefta ary nonina tany amin'ny tanin'i Toba. Nisy lehilahy tsy mpanara-dalàna nanatona azy ka tonga izy ireo ary nandeha niaraka taminy.
[4]Andro vitsy taty aoriana, dia niady tamin'Israely ny vahoakan'i Amona. [5]Rehefa niady tamin'Israely ny vahoakan'i Amona, dia tonga nitondra an'i Jefta avy any amin'ny tanin'i Toba hiverina ireo loholon'i Gileada. [6]Hoy izy ireo tamin'i Jefta hoe: "Avia ary meteza ho mpitarika anay mba hahafahanay miady amin'ny vahoakan'i Amona.
[7]Hoy Jefta tamin'ireo mpitarika an'i Gileada hoe: "Nankahala ahy ianareo ary nanery ahy handao ny tranon-draiko.
[8]Nahoana ianareo ankehitriny no makaty amiko rehefa ao anatin'ny olana?" Hoy ireo loholon'i Gileada tamin'i Jefta hoe:

"Izany no antony hitodianay aminao ankehitriny; andao hiaraka aminay ary hiady amin'ny vahoakan'i Amona, ka ho
tonga mpitarika amin'izay rehetra monina ao Gileada ianao."
[9]Hoy Jefta tamin'ireo loholon'i Gileada hoe: "Raha entinao mody mba hiady amin'ny vahoakan'i Amona indray aho, ary
raha omen'i Yaveh fandresena isika, dia ho mpitarika anareo aho." [10]Dia hoy ireo loholon'i Gileada tamin'i Jefta hoe:
"Yaveh anie ho vavolombelona eo amintsika sy ianao raha tsy manao araka izay lazaintsika isika!" [11]Noho izany dia lasa
niaraka tamin'ireo loholon'i Gileada i Jefta, ary nataon'ny vahoaka ho mpitarika sy mpibaiko azy ireo izy. Rehefa teo
anatrehan'i Yaveh tany Mizpa izy, dia namerina ireo fampanantenana rehetra nataony i Jefta.
[12]Avy eo Jefta naniraka mpitondra hafatra ho an'ny mpanjakan'ny vahoakan'i Amona, manao hoe: "Inona ity ady eto
amintsika ity? Nahoana ianao no tonga tamin-kery haka ny taninay?" [13]Dia namaly an'ilay mpitondra hafatr'i Jefta ilay
mpanjakan'ny vahoakan'ny Amona hoe: "Satria tamin'ny vahoakan'Israely nivoaka avy tany Egypta, dia nalain'izy ireo ny
taniko hatrany Arnona ka hatrany Jaboka, ka hatrany Jordana. Ankehitriny avereno am-pilaminana ireo tany ireo."
[14]Dia nandefa mpitondra hafatra ho any amin'ilay mpanjakan'ny vahoakan'i Arnona indray i Jefta, [15]ary hoy izy hoe: "Izao
no ambaran'i Jefta: Tsy nalain'Israely ny tanin'i Moaba sy ny tanin'ny vahoakan'i Amona, [16]fa niakatra avy tany Egypta izy
ireo, ary Israely nandeha namakivaky ny efitra nankany amin'ny Ranomasina Mena sy tany Kadesa.
[17]Rehefa nandefa mpitondra hafatra ho any amin'ny mpanjakan'i Edoma i Israely, nanao hoe: 'Miangavy re mba avelao
izahay handalo eo amin'ny taninareo,' dia tsy nihaino ilay mpanjakan'i Edoma. Nandefa mpitondra hafatra tany amin'ny
mpanjakan'i Moaba ihany koa izy ireo, fa nandà izy. Noho izany dia nijanona tao Kadesa i Israely. [18]Dia nandeha tany
an'efitra izy ireo ary nivily an'ilay tanin'i Edoma sy ny tanin'i Moaba, ka nandeha nanaraka ny morony antsinanan'ny
tany Moaba ary nitoby tao amin'ny ilany ampitan'i Arnona. Fa tsy nandeha nankany amin'ny faritanin'i Moaba izy ireo,
satria sisin-tanin'i Moaba i Arnona.
[19]Ary Israely nandefa mpitondra hafatra tany amin'i Sihona, mpanjakan'ireo Amorita, izay nanjaka tany Hesbona; hoy
Israely taminy hoe: 'Miangavy, avelao izahay mba hiampita ny taninao mankany amin'ny toerana izay anay.' [20]Saingy tsy
nahatoky an'Israely hiampita ny faritaniny i Sihona. Noho izany dia nangonin'i Sihona ny tafiny rehetra ary nafindrany
tany Jahaza izany, ary tany izy no niady tamin'Israely.
[21]Ary Yaveh, ilay Andriamanitr'i Israely, nanolotra an'i Sihona sy ny vahoakany rehetra teo am-pelatanan'i Israely ka
resiny izy ireo. Noho izany dia nalain'Israely ny tanin'ireo Amorita rehetra izay nonina tao amin'izany firenena izany.
[22]Nalain'izy ireo avokoa ny zavatra rehetra tao amin'ny faritanin'ireo Amorita, hatrany Arnona ka hatrany Jaboka, ary
hatrany an'efitra ka hatrany Jordana.
[23]Ary taorian'izay Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, dia nandroaka ireo Amorita teo anatrehan'i Israely vahoakany, ka
tokony haka ho fananana ny tanin'izy ireo ve ianao ankehitriny? [24]Moa tsy haka ny tany izay nomen'i Kemosy,
andriamanitrao ho anao ve ianao? Noho izany na inona na inona tany omen'i Yaveh Andriamanintsika antsika, dia ho
alaintsika. [25]Koa tsara noho i Balaka zanaka lahin'i Zipora, mpanjakan'i Moaba ve ianao? Sahy niady hevitra tamin'Israely
ve izy? Sahy nanangan'ady tamin'izy ireo ve izy?
[26]Rehefa nipetraka nandritra ny telonjato taona tany Hesbona sy ireo zana-bohiny i Israely, ary tany Aroera sy ireo zana-
bohiny, sy tany amin'ireo tanàna rehetra izay eny amoron'i Arnona— koa nahoana ianareo no tsy nitondra azy ireo
niverina tamin'izany fotoana izany? [27]Tsy nanao ratsy anareo aho, fa ianareo kosa manao ratsy ahy amin'ny fanafihana
ahy. Yaveh, ilay mpitsara, no hanapa-kevitra anio ny amin'ny vahoakan'i Israely sy ny vahoakan'i Amona." [28]Nefa tsy
niraharaha ny fampitandremana izay nalefan'i Jefta tany aminy ny mpanjakan'ny vahoakan'i Amona.
[29]Avy eo tonga tao amin'i Jefta ny Fanahin'i Yaveh, ka nandalo an'i Gileada sy Manase izy, dia nandalo an'i Mizpa any
Gileada, ary avy ao Mizpa an'i Gileada izy dia nandalo ny vahoakan'i Amona. [30]Nanao voady tamin'i Yaveh i Jefta ary
nanao hoe: "Raha omenao fandresena eo amin'ny vahoakan'i Amona aho, [31]dia na inona na inona mivoaka ny
varavaran'ny tranoko mba hitsena ahy rehefa miverina am-piadanana avy any amin'ny vahoakan'i Amona aho, dia ho
an'i Yaveh, ary hatolotro ho fanatitra dorana izany."
[32]Ary dia nandalo teo amin'ny vahoakan'i Amona i Jefta mba hiady hanohitra azy ireo, ary nomen'i Yaveh azy ny
fandresena. [33]Nanafika azy ireo izy ary nahatonga famonoana lehibe tao Aerora ka hatrany Minita—tanàna roapolo—ka
hatrany Abela-keramina. Ka dia tao ambany fifehezan'ny vahoakan'Israely ny vahoakan'i Amona.
[34]Tonga tao an-tranony tany Mizpa i Jefta, ary nivoaka avy tao ny zanany vavy mba hitsena azy amin'ny apongatapaka sy
dihy. Izy irery no hany zanany, ary ankoatra azy dia tsy nanana zanaka lahy na vavy izy. [35]Vantany vao hitany izy, dia
norovitiny ny akanjony ary hoy izy hoe: "Indrisy! Ry zanako vavy! Notorotoroninao tamin'ny alahelo aho, ary ianao ilay
lasa mampahory ahy! Satria nanao fianianana tamin'i Yaveh aho, dia tsy afaka miverina amin'ny fampanantenako."
[36]Hoy izy taminy hoe: "Ry raiko, nanao voady tamin'i Yaveh ianao, ataovy amiko ny zavatra rehetra nampanantenainao,
satria efa namaly faty an'ireo fahavalonao, dia ireo Amorita i Yaveh." [37]Hoy izy tamin-drainy hoe: "Aoka hazonina ho ahy
izany fampanantenana izany. Avelao ho irery mandritra ny roa volana aho, mba hahafahako mandao ka mandeha
midina mankany amin'ireo havoana ary hitomany ny maha-virjiny ahy, izaho sy ny fangoraham-poko."
[38]Hoy izy hoe: "Mandehana." Nalefany nandritra ny roa volana izy. Dia nandao azy razazavavy, izy sy ny fangoraham-
pony, ka nitomany ny maha-virjiny azy tany amin'ny havoana. [39]Rehefa vita ny roa volana dia niverina tany amin'ny
rainy izy, izay nanao taminy araka ny voady fampanantenana izay nataony. Ary tsy mbola niara-nandry tamin'ny
lehilahy izy, ka lasa fomba fanao isan-taona tao Israely [40]fa hamerina hitantara izany tantaran'ny zanakavavin'i Jefta ilay
Gileadita izany, mandritra ny efatr'andro, ireo zanakavavin'i Israely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

12 [1]Nisy antso tonga ho an'ireo lehilahin'i Efraima; namakivaky an'i Zafona izy ireo sady niteny tamin'i Jefta hoe:
"Nahoana ianao no nandeha hiady amin'ny vahoakan'ny Amona ary tsy miantso anay hiaraka aminao? Hodoranay
ianao sy ny tranonao." [2]Hoy i Jefta tamin'izy ireo hoe: "Izaho sy ny vahoakako dia nanana fifandirana lehibe tamin'ireo
vahoakan'i Amona. Tamin'ny niantso anao aho, dia tsy namonjy ahy teo amin'izy ireo ianao.
[3]Rehefa hitako fa tsy namonjy ahy ianao, dia napetrako tamin'ny tanjako manontolo ny fiainako ary namakivaky ny
vahoakan'i Amona aho, ka nomen'i Yaveh ahy ny fandresena. Nahoana ianao no tonga hiady amiko ankehitriny?
[4]Nampivorin'i Jefta niaraka ny lehilahy rehetra tao Gileada ka niady tamin'i Efraima izy. Nanafika an'ireo lehilahin'i
Efraima ireo lehilahin'i Gileada satria hoy izy ireo hoe: "Ianareo Gileadita dia mpandositra any Efraima—ao Efraima sy
Manase."
[5]Nosamborin'ireo Gileadita ireo fitàn'i Jordana mankany Efraima. Raha misy amin'ireo sisa velona miteny hoe: "Avelao
aho hiampita ny renirano," dia hiteny azy ireo lehilahin'i Gileada hoe: Efraimita ve ianao?" raha miteny izy hoe: "Tsia"
[6]dia hiteny aminy izy ireo hoe: "Tonony hoe: Shiboleta," ary raha miteny izy hoe: "Siboleta" (satria tsy nahay nanonona
ilay teny mazava izy), dia hosamborin'ireo Gileada izy ary hovonoina eo amin'ny fitàn'ny Jordana. Roa arivo sy efatra
alina ireo Efraimita novonina tamin'izany fotoana izany.
[7]Niasa toy ny mpitsara nanerana an'i Israely nandritra ny enina taona i Jefta. Avy eo dia maty i Jefta ilay Gileadita ary
nalevina tao amin'ny iray amin'ireo tanànan'ny Gileada.
[8]Taoriany, dia i Ibzana avy ao Betlehema no niasa ho mpitsara an'i Israely. [9]Nanana zanaka lahy telo-polo izy. Nahafoy
zanaka vavy telo-polo hampakarina izy, ary nitondra ireo zanaka vavy telo-polo an'ny lehilahy hafa avy any ivelany ho
an'ny zanany lahy izy. Nitsara an'i Israely nandritra ny fito taona izy.
[10]Maty Ibzana ary nalevina tao Betlehema. [11]Taoriany dia i Elona ilay Zebolonita no niasa toy ny mpitsara an'Israel.
Nitsara an'Israely nandritra ny folo taona izy. [12]Maty i Elona ilay Zebolonita ary nalevina tao Aialona tany amin'ny tanin'i
Zebolona.
[13]Naanaraka azy, dia i Abdona zanaka lahin' i Elela ilay Piratonita no niasa toy mpitsara an'Israely. [14]Nanana zanakalahy
efapolo izy ary zafikely lahy telopolo. Nitaingina ampondra fitopolo izy ireo. Ary nitsara an'Israely nadritra ny valo taona
izy. [15]Maty i Abdona zanaka lahin'i Elela ilay Piratonita ary nalevina tao Piratona tany amin'ny tanin'i Efraima tany
havoan'ny firenen'ireo Amalekita.

13 [1]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh indray ny vahoakan'i Israely, ka natolony teo an-tanan'ireo Filistina nandritra
ny efapolo taona izy ireo. [2]Nisy lehilahy iray avy any Zora, avy amin'ny fianakavian'ireo Danita, Manoa no anarany.
Tsy afaka nitoe-jaza ny vadiny ka dia tsy niteraka izy.
[3]Niseho tamin-dravehivavy ny anjelin'i Yaveh ka nanao taminy hoe: "Indro ankehitriny, tsy afaka nitoe-jaza ianao, ary tsy
niteraka, nefa hitoe-jaza ianao ary hiteraka zazalahy. [4]Ary mitandrema mba tsy hisotro divay na zava-pisotro mahery, ary
aza mihinana zavatra maloto. [5]Indro, hitoe-jaza ianao ary hiteraka zazalahy. Tsy hisy hareza ampiasaina amin'ny lohany,
satria Nazirita ho an'Andriamanitra hatrany an-kibo ny zaza, ary izy no hanomboka hanafaka ny Israely eo an-tanan'ireo
Filistina."
[6]Ary tonga ravehivavy ka niteny tamin'ny vadiny hoe: "Nisy lehilahin'Andriamanitra tonga tamiko, ary toy ny
anjelin'Andriamanitra ny fahitana azy, tena mampitahotra. Tsy nanontany azy izay niaviany aho, ary tsy nilaza tamiko ny
anarany izy. [7]Dia hoy izy tamiko hoe: "Indro! Hitoe-jaza, ary hiteraka zazalahy ianao. Koa noho izany dia aza misotro
divay na zava-pisotro mahery, ary aza mihinana sakafo izay ambaran'ny lalàna fa maloto, satria ny zaza dia ho Nazarita
ho an'Andriamanitra manomboka amin'ny fotoana maha ao am-bohoka azy ka hatramin'ny andro hahafatesany."
[8]Dia nivavaka tamin'i Yaveh i Manoa ka nanao hoe: "Tompo o, mba avelao ilay lehilahin'Andriamanitra nirahinao
hiverina aminay indray mba hampianarany anay izay tokony ataonay amin'ny zaza izay ho teraka tsy ho ela." [9]Namaly ny
vavak'i Manoa i Yaveh, ka tonga tamin-dravehivavy indray ny anjelin'Andriamanitra raha nipetraka tany an-tsaha izy.
Nefa tsy niaraka taminy i Manoa vadiny.
[10]Koa nihazakazaka mafy ravehivavy ary nilaza ny vadiny hoe: "Indro! Niseho tamiko ilay lehilahy_ilay tonga tamiko
indray andro iny!" [11]Dia nitsangana i Manoa ka nanaraka am- badiny. Rehefa tonga teo amin'ilay lehilahy izy, dia hoy izy
hoe: "Ianao ve ilay lehilahy niresaka tamin'ny vadiko?" Dia hoy ralehilahy hoe: "Izaho no izy."
[12]Ka dia hoy i Manoa hoe: "Ankehitriny ho tanteraka anie ireo teninao. Inona no ho fitsipika ho an'ilay zaza, ary inona no
ho asany?" [13]Hoy ny anjelin'i Yaveh tamin'i Manoa hoe: "Tsy maintsy hanao am-pitandremana ny zava-drehetra izay
nolazaiko taminy izy. [14]Tsy afaka mihinana na inona na inona izay avy amin'ny voaloboka izy, ary aza avela misotro divay
na zava-pisotro mahery; aza avela mihinana sakafo izay ambaran'ny lalàna fa maloto izy. Tokony hankato ny zavatra
rehetra nandidiako azy ho ataony izy."
[15]Hoy i Manoa tamin'ilay anjelin'i Yaveh hoe: "Mba mijanona kelikely re, mba hanome fotoana anay hikarakarana
zanak'osy ho anao." [16]Hoy ilay anjelin'i Yaveh tamin'i Manoa hoe: "Na dia hijanona aza aho, dia tsy hihinana ny sakafonao
akory. Fa raha manomana fanatitra dorana ianao, dia atolory ho an'i Yaveh izany." (Tsy fantatr'i Manoa fa anjelin'i Yaveh
izy.)

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Dia hoy i Manoa tamin'ilay anjelin'i Yaveh hoe: "Iza no anaranao, mba hahafahanay manome voninahitra anao rehefa tanteraka ireo teninao?" [18]Dia hoy ilay anjelin'i Yaveh taminy hoe: "Nahoana no manontany ny anarako ianao? Mahafinaritra izany!"
[19]Ary nalain'i Manoa niaraka tamin'ny fanatitra hohanina ny zanak'osy ka natolony teo ambony vatolampy ho an'i Yaveh ireo. Nanao zava-mahagaga izy raha iny nijery iny i Manoa sy ny vadiny. [20]Rehefa niakatra avy teo amin'ny alitara nankany an-danitra ny lela afo, dia niakatra tao anatin'ny lela afon'ny alitara ilay anjelin'i Yaveh. Nahita izany i Manoa sy ny vadiny ary nampiakohoka ny tavan'izy ireo tamin'ny tany.
[21]Tsy niseho tamin'i Manoa sy ny vadiny intsony ilay anjelin'i Yaveh. Ary fantatr'i Manoa fa anjelin'i Yaveh izy. [22]Hoy i Manoa tamin'ny vadiny hoe: "Ho faty tokoa isika, satria niseho tamintsika Andriamanitra!"
[23]Nefa hoy ny vadiny taminy hoe: "Raha te hamono antsika Andriamanitra, dia tsy nandray ny fanatitra dorana sy ny fanatitra hohanina nomentsika azy Izy. Tsy tokony nampiseho antsika ireny zavatra rehetra ireny Izy, na namela antsika handre zavatra toy izany amin'izao fotoana izao."
[24]Taty aoriana dia niteraka zazalahy ravehivavy, ary nataony hoe Samsona ny anarany. Nihalehibe ny zaza ary nitahy azy i Yaveh. [25]Nanomboka nanetsika azy tany Mahana-dana ny Fanahin'Andriamanitra, teo anelanelan'i Zora sy Estaola.

14 [1]Nidina tany Timna i Samsona, ary nahita vehivavy iray tany izy, izay iray amin'ireo zanaka vavin'ireo Filistina.
[2]Rehefa niverina izy, dia niteny tamin'ny ray sy reniny hoe: "Nahita vehivavy iray tao Timna aho, iray amin'ireo zanaka vavin'ireo Filistina. Ary alaivo mba ho vadiko izy."
[3]Hoy ny ray sy reniny taminy hoe: "Moa ve tsy misy vehivavy amin'ireo zanaka vavin'ny havanao, na amin'ireo vahoakanao rehetra? Haka vady avy amin'ireo Filistina tsy mifora ve ianao?" Hoy i Samsona tamin'ny rainy hoe: "Alaivo ho ahy izy, fa rehefa nijery azy aho, dia mahafinaritra ahy izy." [4]Fa ny ray sy reniny dia tsy nahalala fa avy amin'i Yaveh izany zavatra izany, satria naniry ny hanangana ady amin'ireo Filistina Izy (satria tamin'izany fotoana izany dia ireo Filistiana no nanjaka tao Israely).
[5]Ary nidina tany Timna niaraka tamin'ny ray sy reniny i Samsona, ary nankany amin'ny tanim-boalobok'i Timna izy ireo. Ary, indro, nisy liona tanora iray nanatona ary nierona taminy. [6]Tonga tampoka taminy ny Fanahin'i Yaveh, ary dia nosamahiny mora toy ny manasamaka zanak'osy ilay liona, ary tsy nisy na inona na inona teny an-tanany. Nefa tsy nolazainy tamin'ny rainy na ny reniny izay nataony.
[7]Nandeha izy ary niresaka tamin'ilay vehivavy, ary rehefa nijery azy izy, dia nahafinaritra an'i Samsona izy. [8]Andro vitsivitsy taty aoriana rehefa niverina haka vady azy izy, dia nivily lalana izy mba hijery ny fatin'ilay liona. Ary, indro, nisy andian-tantely sy tantely teo amin'ny sisa tavela tamin'ny vatan'ilay liona. [9]Nangoniny teny an-tanany ilay tantely dia nandeha izy, sady nandeha izy no nihinana. Rehefa tonga tany amin'ny rainy sy ny reniny izy, dia nanomeny ampahany izy ireo, ary nihinana. Nefa tsy nolazainy azy ireo fa nalainy teny amin'ny sisa tavela tamin'ny vatan'ilay liona ilay tantely.
[10]Nidina tany amin'izay nisy an'ilay vehivavy ny rain'i Samsona, ary nanao fanasana tany i Samsona, satria izany ny fomban'ny tovolahy. [11]Raha vao hitan'ny havan'ilay vehivavy izy, dia nitondran'izy ireo telopolo tamin'ireo namany mba hiaraka aminy.
[12]Hoy i Samsona tamin'izy ireo hoe: "Avelao aho anio hiteny ankamantatra aminareo. Raha misy iray aminareo mahita izany ary miteny amiko ny valiny mandritra ny fito andro fanasana, dia homeko rongony fotsy madinika telopolo sy akanjo fisolo telopolo. [13]Fa raha tsy mahalaza amiko ny valiny ianareo, dia homenareo rongony fotsy madinika sy akanjo fisolo telopolo isa aho." Hoy izy ireo taminy hoe: "Lazao anay ny ankamantatrao, mba hahafahanay mandre izany."
[14]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Avy ao amin'ny mpihinana no misy zavatra fihinana; avy ao amin'ny matanjaka no misy zavatra malefaka." Saingy tsy nahita ny valiny tao anatin'ny telo andro ireo vahiny nasainy.
[15]Tamin'ny andro fahefatra dia hoy izy ireo tamin'ny vadin'i Samsona hoe: "Fitaho ny vadinao mba hilazany aminay ny valin'ilay ankamantatra, raha tsy izany dia hodoranay ianao sy ny tranon'ny rainao. Nasainareo taty mba ho ampahantraina angaha izahay?"
[16]Nanomboka nitomany teo anatrehany ny vadin'i Samsona; hoy izy hoe: "Halanao aho! tsy tia ahy ianao! Nanao ankamantatra tamin'ny sasany tamin'ireo vahoakako ianao, fa tsy nilaza tamiko ny valiny." Hoy Samsona taminy hoe: "Jereo aho, raha tsy nilaza tamin'ny raiko na ny reniko aho, dia tokony hiteny aminao ve?" [17]Nitomany nandritra ny fito andro naharetan'ny fanasana izy. Tamin'ny andro fahafito dia nolazainy taminy ilay valiny satria nanery mafy azy izy. Dia nolazainy tamin'ny havan'ny vahoakany ilay valiny.
[18]Nialohan'ny niletehan'ny masoandro tamin'ny andro fahafito dia ireo lehilahy teo an-tanàna taminy hoe: "Inona no mamy mihoatra ny tantely? Inona no matanjaka mihoatra ny liona?" Hoy i Samsona tamin'izy ireo hoe: "Raha tsy niray tsikombakomba tamin'ny vadiko ianareo, dia tsy nahita ny valin'ny ankamantatro."
[19]Ary tonga tampoka tamin-kery tao amin'i Samsona ny Fanahin'i Yaveh. Nidina tao Askelona i Samsona ary namono telopolo tamin'ny lehilahin'izy ireo. Nalainy ny zavatra nobaboin'izy ireo, ary nomeny ireo izay nanazava ilay ankamantatra ny akanjon'izy ireo. Tamim-pahatezerana mafy, dia niakatra tany amin'ny tranon'ny rainy izy. [20]Natolotra ny namany akaiky azy indrindra ny vadin'i Samsona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

15 [1]Andro maromaro taty aoriana, nandritra ny fotoam-pijinjam-bary, dia naka zanak'osy i Samsona ary nandeha namangy ny vadiny. Hoy izy tamin'ny tenany hoe: "Handeha ho any amin'ny efitranom-badiko aho." Nefa tsy namela azy niditra ny rainy. [2]Hoy ny rainy hoe: "Tena nihevitra aho fa nankahala azy ianao, ka nomeko ny namanao izy. Tsara noho izy ny zandriny vavy, sa tsy izany? Alaivo ho solony izy."
[3]Namaly azy ireo i Samsona hoe: "Amin'izany fotoana izany dia tsy hanan-tsiny eo imason'ireo Filistina aho raha manao izay mampalahelo azy ireo." [4]Dia nandeha i Samsona ka nisambotra amboahaolo telonjato ary namatotra azy ireo tsiroaroa, isan-drambony. Avy eo dia naka fanilo izy ka namatotra ireo teo afovoan'ny rambo roa.
[5]Rehefa nandrehitra ny fanilo izy, dia namela ireo amboahaolo handeha eny amin'ny vary manirin'ireo Filistina, dia samy nodoran'izy ireo ny vary niangona sy ny vary naniry teny an-tsaha, niaraka tamin'ireo tanim-boaloboka sy ireo tanin'Oliva. [6]Nanontany ireo Filistina hoe: "Iza no nanao izao?" Nolazaina tamin'izy ireo hoe: "Samsona, ilay vinanto lahin'ilay Timnita, no nanao izao satria naka ny vadin'i Samsona ilay Timinita ary nanome azy ho an'ny namany." Dia nandeha ireo Filistina ary nandoro azy sy ny rainy.
[7]Ary Samsona nanao tamin'izy ireo hoe: "Raha izany no ataonareo, dia hamaly faty anareo aho, ary rehefa vita izany, vao hijanona aho." [8]Ary notapatapahiny tamin'ny famonoana lehibe, ny valahany sy fen'izy ireo. Ary nidina izy ka nonina tao anaty lava-bato tao amin'ny hantsan'i Etama.
[9]Ary niakatra ireo Filistina ka niomana ho amin'ny ady tany Joda ary nanangana ny tafik'izy ireo tany Lehy. [10]Ireo lehilahin'i Joda nilaza hoe: "Nahoana ianareo no niakatra hanafika anay?" Hoy izy ireo hoe: "Manafika izahay mba hahafahanay misambotra an'i Samsona, ary hanao aminy tahaka izay nataony taminay."
[11]Ary nisy olon'i Joda telo arivo nidina tao amin'ny lava-baton'ny hantsan'i Etama, ary niteny tamin'i Samsona izy ireo hoe: "Moa ve ianao tsy mahafantatra fa ireo Filistina no mpanapaka eo amintsika? Inona izao nataonao taminay izao?" Namaly azy ireo i Samsona hoe: "Izay nataon'izy ireo tamiko, dia toy izany ihany koa no nataoko tamin'izy ireo."
[12]Hoy izy ireo tamin'i Samsona: "Nidina izahay mba hamatotra anao sy hanolotra anao eo am-pelatanan'ireo Filistina. Ary Samsona niteny tamin'izy ireo hoe: "Mianiana amiko fa tsy ianareo no hamono ahy." [13]Hoy izy ireo taminy hoe: "Tsia, hamatotra anao amin'ny tady fotsiny izahay ary hanolotra anao eo amin'izy ireo. Mampanantena izahay fa tsy hamono anao." Dia namatotra azy tamin'ny tady roa vaovao izy ireo ary nitondra azy niakatra avy tao amin'ny vato.
[14]Rehefa tonga tany Lehy izy, dia nihorakoraka ireo Filistina raha vao nifanena taminy. Tonga taminy tamin-kery ny Fanahin'i Yaveh. Ireo tady teo amin'ny sandriny dia tonga tahaka ny lamba rongony may, ka nilatsaka avy teny amin'ny tanany.
[15]Nahita valanoranon'ampondra vaovao i Samsona, ka naka izany ary namono arivo lahy tamin'izany. [16]Ary Samsona nilaza hoe: "Tamin'ny valanoranon'ampondra no namonoko arivo lahy, isan'antontany avy."
[17]Rehefa tapitra ny tenin'i Samsona, dia natsipiny ilay valanorano, ary niantsoiny hoe Ramata Lehy ilay toerana.
[18]Nangetaheta mafy i Samsona ka niantso an'i Yaveh ary niteny hoe: "Nanome an'ity fandresena lehibe ity tamin'ny mpanomponao Ianao. Kanefa ankehitriny kosa moa ve ho fatin'ny hetaheta aho ka ho lavo eo an-tanan'ireo izay tsy voafora?"
[19]Nanasaraka ilay toerana babangoana izay tany Lehy ka nisy rano nivoaka. Rehefa nisotro izy, dia niverina ny heriny ary velombelona indray izy. Koa nantsoiny hoe En-Hakore ilay toerana, ary izany dia any Lehy mandrak'ankehitriny. [20]Nitsara an'Israely nandritra ny roapolo taona i Samsona tamin'ny andron'ireo Filistina.

16 [1]Nandeha tany Gaza i Samsona ary nahita mpivaro-tena tany, ka niara-nandry taminy izy. [2]Dia nolazaina ireo Gazita hoe: "Tonga teto i Samsona." Nodidinin'ireo Gazita ilay toerana, niandry azy teo amin'ny vavahadin'ny tanàna nandritra ny alina tontolo izy ireo. Nitazona ny fahanginana nandritra ny alina tontolo. Niteny izy ireo hoe: "Avelao izahay hiandry mandra-pahazavan'ny andro, ary avy eo avelao izahay hamono azy."
[3]Nijanona teo am-pandriana i Samsona mandram-pisasaky ny alina. Tamin'ny sasak'alina dia nifoha izy ary nobatainy ilay vavahady sy ny tolànany roa. Nongotany niala tamin'ny tany ireo, ny hidiny sy ny rehetra, napetrany teo an-tsorony izany, ary nentiny niakatra tany an-tampon'ny havoana ireo, teo anoloan'i Hebrona.
[4]Taorian'izay, dia nitia vehivavy iray izay nipetraka tany an-dohasahan'i Soreka i Samsona. Delila no anarany. [5]Tonga teo aminy ireo mpanapak'ireo Filistina, ary nilaza taminy hoe: "Fitaho Samsona mba hahitana izay misy ny tanjany lehibe, sy ny fomba handresenay azy, mba hahafahanay mifehy azy hanalana baraka azy. Ataovy izany, dia omenay tsirairay avy 1. 100 sekely volafotsy ianao."
[6]Ary hoy i Delila tamin'i Samsona hoe: "Miangavy re, lazao ahy ny mahatonga anao tena matanjaka, ary ahoana no hahafahan'ny olona mamatotra anao, ka ho voafehy ianao? [7]Hoy i Samsona taminy: "Raha fatoran'izy ireo amin'ny tady vaovao fito izay tsy mbola namainina aho, dia lasa malemy aho ary ho tahaka ny lehilahy hafa rehetra."
[8]Ary nitondra tady vaovao fito izay tsy mbola namainina ho an'i Delila ireo mpanapak'ireo Filistina, ary nofatorany tamin'ireo Samsona. [9]Ary nanana lehilahy miafina am-pahanginana, izay niandry tao amin'ny efitranony anatiny izy. Hoy izy taminy hoe: "Eo aminao ireo Filistina, ry Samsona!" Nefa notapahiny tahaka ny tadi-kofehy mikasika afo ireo tady. Ka tsy fantatra izay tsiambaratelon'ny tanjany.
[10]Ary hoy Delila tamin'i Samsona hoe: "Izao ny fomba namitahanao ahy sy nilazanao lainga amiko. Miangavy re, lazao ahy hoe ahoana no hahafahana mandresy anao." [11]Hoy izy taminy hoe: "Raha fatoran'izy ireo amin'ny tady vaovao izay

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mbola tsy nampiasaina ho amin'ny asa aho, dia halemy aho ary ho tahaka ny lehilahy hafa rehetra." [12]Dia naka tady vaovao i Delila ary namatotra azy tamin'ireo, sady nilaza taminy hoe: "Eo aminao ireo Filistina, ry Samsona!" Ilay lehilahy niandry dia tao an'efitranony anatiny. Nefa notapahin'i Samsona tahaka ny poti-kofehy ireo tady teo amin'ny sandrin.
[13]Hoy i Delila tamin'i Samsona hoe: "Hatramin'izao ianao dia mbola namitaka ahy ary nilaza lainga tamiko. Lazao ahy hoe ahoana no mety handresena anao." Fa hoy i Samsona taminy hoe: "Raha zairinao ao amin'ny lamba eo amin'ny fanjairana ny vonan'ny voloko miisa fito, ary avy eo dia fantsio eo amin'ny fanjairana izany, dia ho toy ny lehilahy hafa rehetra aho." [14]Raha natory izy, dia nozairin'i Delila tamin'ny fanjairana ny foto-bolo fito tamin'ny volony ary namantsika izany teo amin'ny fanjairana izy, dia hoy izy taminy: "Eo aminao ireo Filistina, ry Samsona!" Nifoha tamin'ny torimasony izy ary nongotany teo amin'ny fanjairana ilay lamba sy ilay tsatoka.
[15]Hoy izy taminy hoe: "Ahoana no hahafahanao miteny hoe: 'Tiako ianao,' raha tsy hizara ireo tsiambaratelonao amiko ianao? Namitaka ahy intelo ianao ary tsy nilaza tamiko ny nahazoanao izao tanjaka lehibe izao." [16]Isan'andro dia nanery azy mafy tamin'ireo teniny ravehivavy, ary nanery azy mafy ny mba haniriany ho faty.
[17]Dia nolazain'i Samsona taminy ny zavatra rehetra ary hoy izy taminy hoe: "Mbola tsy notapahina tamin'ny hareza mihintsy ny volon-dohako, satria izaho dia Nazirita ho an'Andriamanitra hatrany an-kibon-dreniko. Koa raha haratana ny lohako, dia hiala amiko ny heriko, ary halemy aho ka ho toy ny lehilahy hafa rehetra."
[18]Rehefa hitan'i Delila fa nilaza ny marina momba ny zavatra rehetra taminy izy, dia nandefa sy niantso ireo mpanapak'ireo Filistina izy, nanao hoe: "Miakara indray, fa efa nolazainy tamiko ny zavatra rehetra." Dia nankany aminy ireo mpanapak'ireo Filistina, nitondra ny volafotsy teny an-tanan'izy ireo. [19]Nataony resy tory teo amin'ny feny izy. Niantso lehilahy iray mba hanaratra ireo vona fito teo amin'ny lohany izy, ary nanomboka nandresy azy izy, satria niala taminy ny heriny.
[20]Ary hoy izy hoe: "Eo aminao ireo Filistina, ry Samsona!" Nifoha tamin'ny torimasony izy ary niteny hoe: "Hivoaka tahaka ireo fotoana hafa aho ary hanetsika malalaka ny tenako." Nefa tsy fantany fa efa niala taminy i Yaveh.
[21]Nisambotra azy ireo Filistina ary nanaisotra ireo masony. Nitondra azy nidina tany Gaza izy ireo ary namatotra azy tamin'ny rojo varahina. Nanakodia ny fikosoam-bary tany am-pigadrana izy. [22]Fa niverina naniry indray ny volo teo amin'ny lohany taorian'ny nanaratana izany.
[23]Niara-nivory ireo mpanapak'ireo Filistina mba hanolotra sorona lehibe ho an'i Dagòna andriamanitr'izy ireo, ary hifaly. Hoy izy ireo hoe: "nandresy an'i Samsona fahavalontsika ny andriamanitsika ary nametraka azy teo ampelan-tanantsika izy." [24]Rehefa nahita azy ny vahoaka, dia nidera ny andriamanitr'izy ireo, satria hoy izy ireo hoe: "Efa nandresy ireo fahavalontsika ny andriamanitsika ary nanome azy ho antsika— ilay mpandrava ny tanànantsika, izay namono ny maro tamintsika."
[25]Rehefa nankalaza izy ireo, dia hoy izy ireo hoe: "Antsoy i Samsona, mba hampihomehy antsika." Niantso an'i Samsona hivoaka ny tranomaizina izy ireo ary nampihomehy azy ireo ireo. Nataon'izy ireo nitsangana teo anelanelan'ireo andry izy. [26]Hoy i Samsona tamin'ilay zazalahy izay nitantana ny tanany hoe: "Avelao aho mba hikasika ireo andry izay manohina ny trano lehibe, mba hahafahako miantehitra amin'ireo.
[27]Ary feno lehilahy sy vehivavy ny trano. Tao avokoa ireo mpanapak'ireo Filistina rehetra. Teo amin'ny telo arivo teo ho eo ny lehilahy sy vehivavy teo an-tafon-trano, izay nijery an'i Samsona nampiala voly azy ireo.
[28]Niantso an'i Yaveh Samsona, ary nanao hoe: "Tompo Yaveh, tsarovy aho! Miangavy re hatanjaho aho amin'ity indray mitoraka ity ihany, ry Andriamanitra, mba hahafahako mamaly indray mandeha ireo Filistina ny amin'ny nanalany ireo masoko roa" [29]Notazomin'i Samsona ireo andry roa teo afovoany izay nanohana ny fanorenana lehibe, ary niankina teo amin'ireo izy, ny andry iray tamin'ny tanany havanana, ary ny iray tamin'ny tanany havia.
[30]Hoy i Samsona hoe: "Avelao aho ho faty miaraka amin'ireo Filistina!" Naninjitra ny heriny izy ka nianjera teo amin'ireo mpanapaka sy teo amin'ireo olona rehetra izay tao anatin'izany ilay fanorenana lehibe. Ka ny maty izay novonoiny tamin'izy maty dia mihoatra noho ireo izay novonoiny nandritra ny fiainany. [31]Ary nidina ireo rahalahiny sy ireo ankohonan-drainy rehetra. Naka azy izy ireo, nitondra azy niverina ary nandevina azy teo anelanelan'i Zora sy Estaola tany amin'ny toeram-pandevenana an'i Manoa, rainy. Nitsara an'i Israely nandritra ny roapolo taona i Samsona.

17 [1]Nisy lehilahy iray tany amin'ny tany havoan'i Efraima, ary Mika no anarany. [2]Hoy izy tamin'ny reniny: "Ny sekely volafotsy 1. 100 izay nalaina taminao, mahakasika ilay ozona noresahinao, izay reko__indro etoana! Manana volafotsy aho aty amiko. Izaho no nangalatra izany." Dia hoy ny reniny: "Ho tahian'i Yaveh anie ianao, ry zanako!"
[3]Naveriny tany amin'ny reniny ny sekely volafotsy 1. 100 ary hoy ny reniny taminy: "Hatokako ho an'i Yaveh ity volafotsy ity, fa hanamboatra sarin-javatra voasokitra sy sarin-javatra an'idina ny zanako lahy. Ka ankehitriny, dia averiko aminao ity." [4]Rehefa naveriny tamin'ny reniny ilay vola, dia naka sekely volafotsy roanjato ny reniny ary nomeny ireo mpanefy vy izay nanao ireo ho sarin-javatra voasokitra sy an'idina izany, ary napetraka tao an-tranon'i Mika ireo.
[5]Ilay lehilahy hoe Mika dia nanana tranon-tsampy ary nanamboatra efoda sy tokantranon'ireo andriamanitra izy, ary nanakarama iray tamin'ireo zanany lahy izy mba ho lasa mpisorony. [6]Ary tamin'ireo andro ireo dia tsy nisy mpanjaka tany Israely, ary nanao izay marina teo imasony ny olona rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Ary nisy zatovo lahin'i Betlehema iray tany Joda, avy amin'ny fianakavian'i Joda, izay Levita. Nijanona tany izy mba hanatanteraka ireo adidiny. [8]Niala tao Betlehema tao Joda ralehilahy mba handeha ary hitady toerana hipetrahana. Rehefa nandeha izy, dia tonga tany an-tranon'i Mika tany amin'ny tany havoan'i Efraima. [9]Dia hoy Mika taminy: "Avy aiza ny fiavianao?" Ary hoy ralehilahy taminy: "Levita an'i Betlehema tao Joda aho, ary nandia aho mba hitady toerana izay mety honenako."
[10]Dia hoy i Mika taminy: "Mijanona eto amiko, ary aoka ianao ho ray sy ho mpisorona ho ahy. Homeko sekely volafotsy folo isan-taona, akanjo fitafy, ary ny sakafonao ianao." Koa dia niditra tao an-tranony ilay Levita. [11]Dia nahafaly an'ilay Levita ny hipetraka miaraka amin-dralehilahy, ary ho an'i Mika dia tonga tahaka ny iray amin'ireo zanany lahy ilay tovolahy.
[12]Natokan'i Mika ho an'ny adidy masina ilay Levita, ary lasa mpisorony ilay tovolahy, ary tao an-tranon'i Mika. [13]Ary hoy i Mika: "Fantatro ankehitriny fa hanao soa ho ahy i Yaveh, satria lasa mpisoroko ity Levita ity."

18 [1]Tamin'izany andro izany dia mbola tsy nisy mpanjaka tao Israely. Nitady faritra honenana ny fokon'ireo taranak'i Dana, satria tamin'izany andro izany dia tsy nahazo lova tamin'ireo fokon'Israely mihitsy izy ireo. [2]Naniraka lehilahy dimy tamin'ireo olona maro be tao amin'ny fokon'izy ireo ny vahoakan'i Dana, lehilahy izay mpiady efa za-draharaha avy amin'i Zora sy Estaola, mba handeha hiaodihaody an-tongotra amin'ilay tany, ary hizaha izany. Hoy izy ireo tamin'izy ireo hoe: "Mandehana ka zahao ilay tany." Tonga tany amin'ny tany havoan'i Efraima izy ireo, tany amin'ny tranon'i Mika, ka nijanona tao izy ireo ny alina.
[3]Rehefa nanakaiky ny tranon'i Mika izy ireo, dia nahafantatra ny firesak'ilay zatovo Levita. Koa dia nijanona izy ireo ary nanontany azy hoe: "Iza no nitondra anao taty? Inona no ataonao aty amin'ity toerana ity? Nahoana ianao no eto?" [4]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Izao no nataon'i Mika tamiko: Nokaramainy ho lasa mpisorony aho."
[5]Hoy izy ireo taminy hoe: "Mba anontanio re ny hevitr'Andriamanitra, mba hahafantaranay raha hahomby ny dia izay alehanay." [6]Hoy ilay mpisorona tamin'izy ireo hoe: "Mandehana am-piadanana. Hitarika anareo amin'ny lalana tokony alehanareo i Yaveh."
[7]Ary lasa ireo lehilahy dimy ka tonga tao Laisy, ary nahita izy ireo fa niaina am-piadanana ny vahoaka, tahaka ny fomba niainan'ireo Sidoniana, tsy voakorontana sy voaaro. Tsy nisy nambabo na nampahory azy ireo tamin'ny fomba rehetra tao amin'ilay tany. Nonina lavitra an'ireo Sidoniana izy ireo ary tsy nanana fifandraisana tamin'iza na iza. [8]Niverina tany amin'ny fokony any Zora sy Estaola izy ireo. Dia nanontany azy ireo ny havany hoe: "Inona no tatitrareo?"
[9]Hoy izy ireo hoe: "Avia! Andao hanafika azy ireo! Efa hitanay ilay tany ary tena tsara izany. Tsy hanao na inona na inona ve ianareo? Aza mitaredretra hanafika sy haka ilay tany. [10]Rehefa mandeha ianareo, dia ho tonga any amin'ny vahoaka izay mihevitra fa tsy manana ahiahy izy ireo, ary midadasika ilay tany! Nomen'Andriamanitra anareo izany— dia toerana iray izay tsy ahitana tsy fahampiana ao amin'ilay tany."
[11]Nisy eninjato lahy avy amin'ny fokon'i Dana, mitàna fitaovam-piadiana, nivoaka avy tany Zora sy Estaola. [12]Niakatra izy ireo ary nitoby tao Kiriata-jearima, ao Joda. Izany no antony hiantsoan'ny olona io toerana io hoe Mahane-dana mandrak'ankehitriny; ao andrefan'i Kiriata-jearima izany.
[13]Niala tao nankany amin'ny tany havoan'i Efraima izy ireo ary tonga tao amin'ny tranon'i Mika. [14]Dia hoy ireo lehilahy dimy izay nandeha mba hiaodihaody tany amin'ny firenen'i Laisy tamin'ireo havany hoe: "Fantatrareo ve fa ato amin'ireto trano ireto dia misy efoda, terafima, sarin-javatra voasokitra, ary sarin-javatra an'idina? Koa manapaha hevitra ankehitriny ny amin'izay ho ataonareo."
[15]Koa nivily tao izy ireo ary tonga tany amin'ny tranon'ilay zatovo Levita, tao an-tranon'i Mika, ary niarahaba azy izy ireo.
[16]Ary ireo Danita eninjato, nanana fitaovam-piadiana, dia nitsangana teo amin'ny fidiran'ny vavahady.
[17]Ireo lehilahy dimy izay nandeha hisafo ilay tany dia nankany ary naka ilay sarin-javatra voasokitra, ilay efoda, ireo terafima, ary ilay sarin-javatra an'idina, raha nijoro teo amin'ny fidirana eo amin'ny vavahady niaraka tamin'ny lehilahy eninjato mitondra fitaovam-piadiana ilay mpisorona. [18]Rehefa nankao amin'ny tranon'i Mika ireo ka naka ilay sary an'idina, efoda, ireo andriamanitry ny tokantrano, ary ilay sarin-jaratra voasokitra, dia hoy ilay mpisorona tamin'izy ireo hoe: "Inona izao ataonareo izao?"
[19]Hoy izy ireo taminy hoe: "Mangina! Ataovy eo amin'ny vavanao ny tananao ary andao hiaraka aminay, ary ho rainay sy mpisoronay ianao. Tsara kokoa ho anao ve ny ho mpisorona ho an'ny tranon'ny lehilahy iray, sa mpisorona ho an'ny foko iray sy fianakaviam-be iray ao Israely?" Faly ny fon'ilay mpisorona. [20]Nalainy ilay efoda, ireo terafima, sy ilay sarin-javatra voasokitra, ary lasa nanaraka ny vahoaka izy.
[21]Dia nitodika izy ireo ary lasa. Nataon'izy ireo teo alohany ireo zaza madinika, torak'izany koa ireo biby fiompy sy ny fananan'izy ireo. [22]Rehefa lavitra tsara ny tranon'i Mika izy ireo, dia niara-nantsoina ireo lehilahy izay tao amin'ireo trano akaikin'ny tranon'i Mika, ary tratra niaraka tamin'ireo Danita izy ireo. [23]Niantso mafy ireo Danita izy ireo, dia nitodika izy ireo ary niteny tamin'i Mika hoe: "Nahoana ianareo no niara-nantsoina?"
[24]Hoy izy hoe: "Nangalarinareo ireo andriamanitra izay namboariko, nalainareo ny mpisoroko, ary lasa ianareo. Inona sisa no tavela ho ahy? Ahoana no hahafahanareo manontany ahy hoe: 'Inona no mahory anao?'" [25]Hoy ny vahoakan'i Dana taminy hoe: "Tsy tokony hamela anay handre izay rehetra lazainao ianao, raha tsy izany dia hisy olona tezitra mafy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hanafika anao, ary ho vonoina ianao sy ny fianakavianao." [26]Ary nanohy ny lalany ireo vahoakan'i Dana. Rehefa hitan'i Mika fa matanjaka loatra ho azy izy ireo, dia nivily izy ary niverina tany an-tranony.
[27]Nalain'ny vahoakan'i Dana izay nataon'i Mika, torak'izany ny mpisorony, ary tonga tao Laisy izy ireo, tany amin'ny vahoaka izay tsy voaelingelina sy tsy manana ahiahy ka namono azy ireo tamin'ny sabatra izy ireo ary nandoro ilay tanàna. [28]Tsy nisy na iza na iza nanavotra azy ireo satria lalana lavitra an'i Sidona izany, ary tsy nanana fifandraisana tamin'iza na iza izy ireo. Tany amin'ny lohasaha izay akaikin'ny Beti-rehoba izany. Namerina nanangana ilay tanàna ireo Danita ka nonina tao. [29]Nomen'izy ireo ny anarana hoe Dana ilay tanàna, anaran'i Dana razamben'izy ireo, ilay iray amin'ireo zanaka lahin'Israely. Fa Laisy no anarana nahazatra an'ilay tanàna.
[30]Natokan'ny vahoakan'i Dana ho azy ireo ilay sarin-javatra voasokitra. Jonatana zanak'i Gersoma, zanak'i Mosesy, izy sy ireo zanany lahy dia samy mpisoron'ny fokon'ireo Danita hatramin'ny andro nahazoana ilay tany. [31]Ary dia nanompo ny sarin-javatra voasokitra izay nataon'i Mika izy ireo nandritra ny fotoana naha-tao Silo ny tranon'Andriamanitra.

19 [1]Tamin'izany andro izany, rehefa tsy nisy mpanjaka tao Israely, dia nisy lehilahy iray, Levita, nivahiny tany amin'ny faritra lavitra indrindra tamin'ny tany havoan'i Efraima. Naka vehivavy ho azy izy, vaditsindrano avy any Betleheman'i Joda. [2]Nefa tsy tokam-po taminy ilay vaditsindranony; nandao azy ravehivavy ary niverina tany an-tranon-drainy tany Betleheman'i Joda. Nijanona tany efa-bolana izy.
[3]Ary niarina ny vadiny ka nanaraka azy mba handresy lahatra azy hody. Niaraka taminy ny mpanompony, sy ny ampondra anankiroa. Dia nentiny tany an-tranon-drainy izy. Rehefa nahita azy ny rain'ilay zazavavy, dia faly izy. Ny rafozan-dahiny, [4]ilay rain'ilay zazavavy, dia nandresy lahatra azy mba hijanona telo andro. Nisakafo sy nisotro izy ireo, ary nandany ny alina tao.
[5]Nifoha aloha izy ireo tamin'ny andro fahaefatra, ary niomana ny handeha izy, kanefa ny rain'ilay zazavavy niteny tamin'ny vinanto lahiny hoe: "Tohano amin'ny mofo aloha ny tenanao, dia mahazo mandeha ianareo avy eo." [6]Dia nipetraka izy roa ka niara-nihinana sy nisotro. Ary hoy ny rain'ilay zazavavy hoe: "Mba maneke handany ny alina ary mifalia."
[7]Rehefa nifoha mba handeha ilay Levita, dia nanery azy hijanona ny rain'ilay zatovovavy, nanova ny drafiny izy noho izany ary nandry tao indray. [8]Tamin'ny andro fahadimy dia nifoha aloha mba hanainga izy, fa ny rain'ilay zazavavy niteny taminy hoe: "Tohano aloha ny tenanao, ary miandrasa mandra-pihilan'ny andro." Ary dia nisakafo izy roa.
[9]Rehefa niarina mba hanainga ilay Levita sy ny vadintsindranony ary ny mpanompony, dia niteny taminy ny rafozan-dahiny, ilay rain'ilay zazavavy hoe: "Indro, mandroso miha hariva ny andro. Mijanòna re anio alina, ary mifalia. Afaka mifoha aloha ianareo rahampitso ary mandeha mody."
[10]Fa ilay Levita tsy vonona ny handry. Niarina izy ary nandeha. Nandroso nankany Jebosa izy (Jerosalema izany). Nanana ampondra nisy lasely anankiroa izy_ary niaraka taminy ny vadintsindranony. [11]Rehefa nanakaiky an'i Jebosa izy ireo, dia efa nadiva hifarana ny andro, ary ilay mpanompo niteny tamin'ny tompony hoe: "Andao, andeha isika hivily ao an-tanànan'ireo Jebosita ary hatory ao amin'izany."
[12]Hoy ny tompony taminy hoe: "Tsy hivily amin'ny tanànan'ny vahiny izay tsy isan'ny vahoakan'i Israely isika. Handroso ho any Gibea isika." [13]Ilay Levita niteny tamin'ilay tovolahiny hoe: "Andao, andeha isika ho any amin'ny iray amin'ireo toerana hafa, ary handany ny alina any Gibea na Rama."
[14]Dia nandroso izy ireo, ary nilentika ny masoandro raha nanakaiky an'i Gibea izy ireo, ao amin'ny faritanin'i Benjamina.
[15]Nivily tao izy ireo ary natory tao Gibea. Nandeha izy ireo ary nipetraka teo an-kianjan'ny tanàna, fa tsy nisy olona na iray nampiantrano azy ireo ny alina.
[16]Fa avy eo dia nisy lehilahy antitra iray nody avy niasa tany an-tsaha iny hariva iny. Avy any amin'ny tany havoan'i Efraima izy, ary nivahiny tao Gibea. Nefa ny olona nipetraka teo amin'ilay toerana dia Benjamita. [17]Nampitraka ny masony izy ary nahita ny mpandeha avy lavitra teo an-kianjan'ny tanàna. Hoy ilay lahy antitra hoe: "Ho aiza ianareo? Ary avy aiza ny fiavianareo?"
[18]Ilay Levita niteny taminy hoe: "An-dalana avy any Betleheman'i Joda ho any amin'ny faritra lavitra indrindra amin'ny tany havoan'i Efraima, izay niaviako izahay. Nankany Betleheman'i Joda aho, ary handeha ho any an-tranon'i Yaveh, nefa tsy hisy olona hampiantrano ahy. [19]Manana mololo sy sakafo ho an'ny ampondranay izahay, ary misy mofo sy divay ho ahy sy ho an'ireo mpanompo vavinao aty, ary ho an'ny tovolahinao miaraka amin'ireo mpanomponao. Tsy misy zava-mahory anay."
[20]Dia niarahaba azy ireo ilay lahy antitra hoe: "Ho aminareo ny fiadanana! Izaho no hiantoka ny filànao rehetra. Fa aza mandry eto an-kianja fotsiny." [21]Koa dia nentin'ilay lehilahy tany an-tranony ilay Levita ary nomeny sakafo ireo ampondrany. Nanasa ny tongony izy ireo ary nihinana sy nisotro.
[22]Raha mbola nampifaly ny fony izy ireo, dia nisy lehilahy maromaro tao an-tanàna, lehilahy tsy mendrika, nanodidina ny trano, nively ny varavarana. Niteny tamin'ilay lahy antitra, ilay tompon-trano izy ireo, nanao hoe: "Avoahy ilay lehilahy izay tonga ao an-tranonao, fa hiara-mandry aminy izahay." [23]Nivoaka ilay lehilahy, tompon-trano, ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Tsia, ry rahalahiko, aza manao izao zava-dratsy izao tompoko! Satria vahiny ato an-tranoko io lehilahy io, ka aza manao izao zava-pady izao!

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Indro, ato ny zanako vavy virijiny sy ny vaditsindranony. Mamèla ahy hitondra azy ireo hivoaka izao. Haolano sy ataovy amin'izy ireo izay tianareo atao aminy. Fa aza manao zava-pady toy izany amin'io lehilahy io!" [25]Kanefa tsy nihaino azy ireo lehilahy, ka dia nosamborin'ilay lehilahy ny vaditsindranony ary navoakany teo amin'izy ireo izy. Nisambotra azy izy ireo, nanolana azy, ary nanararaotra azy nandritra ny alina, ary navelan'izy ireo handeha izy raha nangiran-dratsy.
[26]Rehefa nangiran-dratsy dia tonga ravehivavy ary nianjera teo am-baravaran'ny tranon'ilay lehilahy izay nisy ny tompony izy, ary dia nitsirara teo izy mandra-pahazavan'ny andro.
[27]Nifoha ny tompony nony maraina ary namoha ny varavaran'ny trano ka nivoaka hanohy ny lalany. Nahita ny vadin-tsindranony niampatra teo am-baravarana izy, ary ny tanany teo an-tokonam-baravarana. [28]Dia hoy ilay Levita taminy hoe: "Mifohaza, ndao isika handeha." Nefa tsy nisy namaly. Nasampiny teo amin'ny ampondra izy, ary niainga hody any aminy ilay lehilahy.
[29]Rehefa tonga tany an-tranony ilay Levita, dia naka antsy izy, ary noraisiny ny vaditsindranony, ary notetehiny, isam-pamavanin-taolana, ho roa ambin'ny folo tetika, ary nampitondra izany nanerana ny Israely rehetra. [30]Izay rehetra nahita izany dia niteny hoe: "Zavatra mbola tsy nisy nanao na nahita hatramin'ny andro niakaran'Israely avy any amin'ny tany Egypta mandrak'androany izao. Hevero izany! Toroy hevitra izahay! Lazao anay izay tokony hatao!"

20 [1]Ary nivoaka toy ny olona iray ireo olon'Israely, avy any Dana ka hatrany Beri-sheba, anisan'izany ihany koa ny tanin'i Gileada, ary niara-nivory teo anatrehan'i Yaveh tany Mizpa izy ireo. [2]Ireo lehiben'i vahoaka rehetra, ny fokon'Israely rehetra, nandray ny toeran'izy ireo tao amin'ny fiangonan'ny vahoakan'Andriamanitra—lehilahy 400. 000 mandeha tongotra, izay vonona hiady amin'ny sabatra.
[3]Ary ren'ireo olon'i Benjamina fa niakatra tany Mizpa ireo vahoakan'Israely. Ireo olon'Israely nilaza hoe: "Lazao anay hoe ahoana no nahatonga izao zava-dratsy izao." [4]Ilay Levita, vadin-dravehivavy iray izay novonoina, namaly hoe: "Nankany Gibea any amin'ny faritra izay an'i Benjamina aho, izaho sy ny vaditsindranoko, mba handany ny alina.
[5]Nandritra ny alina, dia nanafika ahy ireo mpitarik'i Gibea, nanodidina ilay trano ary nikasa ny hamono ahy. Nosamboriny sy naolan'izy ireo ny vaditsindranoko, ka maty izy. [6]Nalaiko ny vaditsindranoko ary nokapakapaiko ny vatany, ary nalefako tany amin'ny faritry ny lovan'Israely tsirairay ireo, satria nanatanteraka faharatsiana sy fanafintohinana tahaka izany tany Israely izy ireo. [7]Ankehitriny, ianareo Israelita rehetra, omeo ny hevitrareo ary manoroa hevitra etoana."
[8]Niara-nitsangana tahaka ny olona iray ny vahoaka rehetra, ary hoy izy ireo hoe: "Tsy hisy aminay hankany amin'ny lainy, ary tsy hisy aminay hiverina ao an-tranony! [9]Fa ankehitriny kosa dia izao no tsy maintsy ataontsika an'i Gibea: hanafika azy ireo araka ny hitarihan'ny filokana antsika isik.
[10]Haka lehilahy folo amin'ny zato manerana ny fokon'Israely rehetra isika, sy zato amin'ny arivo, ary arivo amin'ny iray alina, mba haka vatsy ho an'ireo olona ireo, ka rehefa tonga any Gibea any Benjamina izy ireo, dia hosaziana amin'ny ratsy izay nataon'izy ireo tany Israely." [11]Noho izany dia niangona hanohitra ny tanàna, toy ny olona iray, ireo miaramilan'Israely rehetra.
[12]Nandefa lehilahy tany amin'ny fokon'i Benjamina ireo fokon'Israely, nilaza hoe: "Inona izao ratsy nataonareo teo aminareo izao? [13]Noho izany, omeo anay ireo lehilahy ratsy fanahy any Gibea ireo, mba hahafahanay mamono ho faty azy ireo, ary mba hanalanay tanteraka izany ratsy izany amin'i Israely." Fa i Benjamina dia tsy te-handre ny tenin'ireo rahalahiny, ireo olon'Israely. [14]Ary niara-nivoaka ny tanàna ireo olon'i Benjamina mba hivonona hiady amin'ny olon'Israely.
[15]Ary niara-nentina avy tao amin'ny tanànan'izy ireo ny olon'Israely mba hiady amin'ny miaramila enina arivo sy roa alina izay efa voaofana hiady amin'ny sabatra. Ankoatr'izay, dia nisy lehilahy fitonjato voafidy avy amin'ireo mponin'i Gibea. [16]Teo amin'ireo miaramila rehetra dia nisy lehilahy fito arivo voafidy izay kavia. Ny tsirairay tamin'izy ireo dia mahavita mitoraka singam-bolo amin'ny vaton'antsamotady ka tsy mivena.
[17]Ny vahoakan'Israely, raha tsy isaina ireo avy amin'i Benjamina, dia miisa 400. 000 olona, izay voaomana hiady amin'ny sabatra. Ireo rehetra ireo dia lehilahy mpiady. [18]Nitsangana ireo olon'Israely, nandeha tany Betela, ary nangataka torohevitra tamin'Andriamanitra; Nanontany izy ireo hoe: "Iza no hanafika voalohany an'ireo olon'i Benjamina ho anay?" ary Yaveh nilaza hoe: "Joda no hanafika voalohany."
[19]Nifoha maraina ireo olon'Israely ary namindra ny tobiny akaikin'i Gibea. [20]Niakatra hiady amin'i Benjamina ireo olon'Israely. Nametraka ireo toerana amin'ny ady tany Gibea izy ireo. [21]Nivoaka avy any Gibea ireo olon'i Benjamina, ary namono lehilahin'ny tafik'Israely roa arivo sy roa alina taminizany andro izany.
[22]Fa nampahery tena ny olon'Israely ary namorona filaharana teo amin'ilay toerana izay nilaharan'izy ireo tamin'ny andro voalohany izy ireo. [23]Ary niakatra ireo olon'Israely ka nitomany teo anoloan'Yaveh mandra-pahariva ny andro izy ireo, ary nitady lalana tamin'Yaveh izy ireo. Hoy izy ireo hoe: "Moa ve tokony handeha hiady amin'ireo rahalahinay izahay, ireo olon'i Benjamina?" Ary Yaveh nilaza hoe: "Tafiho izy ireo!"
[24]Ka nandeha nanohitra ireo miaramilan'i Benjamina ireo olon'Israely ny andro faharoa. [25]Tamin'ny andro faharoa, dia nivoaka nanohitra azy ireo tany Gibea i Benjamina ary namono lehilahy valo arivo sy iray alina avy tamin'ny olon'Israely. Izy rehetra dia lehilahy voaomana hiady amin'ny sabatra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Dia nandeha niakatra ho any Betela avokoa ireo miaramilan'Israely sy ireo vahoaka rehetra ka nitomany, ary nipetraka teo anoloan'i Yaveh tany izy ireo ary nifady hanina mandra-pahariva tamin'izany andro izany ary nanolotra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana teo anatrehan'i Yaveh.
[27]Nanontany an'i Yaveh ireo olon'Israely—satria tany ny fiaran'ny faneken'Andriamanitra tamin'izany andro izany, [28]ary nanompo teo anatrehan'ny fiara i Fineasy zanak'i Eliazara zanaka lahin'i Arona tamin'izany andro izany—"Tokony hivoaka hiady amin'ny olon'i Benjamina, rahalahinay, indray mandeha koa ve izahay sa hijanona?" Hoy Yaveh hoe: "Tafiho, satria hanampy anareo handresy azy ireo Aho rahampitso."
[29]Koa dia nametraka olona tany amin'ny toerana miafina nanodidina an'i Gibea i Israely. [30]Niady tamin'ireo olon'i Benjamina ireo olon'Israely tamin'ny andro fahatelo, ary nametraka ny filaharan'ady nanohitra an'i Gibea izy ireo araka izay efa nataony teo aloha.
[31]Nandeha ka niady tamin'ireo vahoaka ny olon'i Benjamina, ary voaroaka niala ny tanàna izy ireo. Nanomboka namono ny sasany tamin'ireo vahoaka izy ireo. Teo amin'ny olon'Israely telopolo teo no maty tany an-tsaha sy teny an-dalana. Ny iray tamin'ireo lalana dia niakatra nankany Betela, ary ny iray hafa dia nankany Gibea.
[32]Dia hoy ny olon'i Benjamina hoe: "Resy izy ireo ary nandositra lavitra antsika, toy ny tamin'ny voalohany ihany." Saingy hoy ireo miaramilan'Israely hoe: "Andeha isika hihazakazaka hiverina ka handroaka azy ireo hiala amin'ny tanàna ho eny an-dalana." [33]Dia nitsangana avy teo amin'ny toeran'izy ireo ny olon'Israely rehetra ary nanao filaharan'ady tany Bala-tamara. Dia nihazakazaka nivoaka avy tao amin'ny fitoerany ireo miaramilan'Israely izay niafina tao amin'ny toerana fiafenana tao Mare-gibea.
[34]Indreo nisy lehilahy voafantina iray alina avy any Israely nivoaka hanohitra an'i Gibea, ary namaivay ny ady, fa tsy nahalala ireo Benjamita fa nananontanona azy ireo ny loza. [35]Nandresy an'i Benjamina teo anoloan'Israely i Yaveh. Tamin'izany andro izany, dia nahafaty olon'i Benjamina 25. 100 ireo miaramilan'Israely. Ireo rehetra maty dia ireo izay efa vaomana hiady amin'ny sabatra.
[36]Ary hitan'ireo miaramilan'i Benjamina fa resy izy ireo. Nanome lalana an'i Benjamina ireo olon'Israely, satria nahatoky ireo olona izay napetrak'izy ireo tany amin'ny fitoerana niafina tany ivelan'i Gibea izy ireo. [37]Dia nitsangana ireo lehilahy niafina ka nirifatra tany Gibea faingana, ary tamin'ny sabatr'izy ireo no namonoany ny olona rehetra izay nonina tao an-tanàna. [38]Ny famantarana nifanarahana teo amin'ireo miaramialan'Israely sy ireo lehilahy niafina mangingina dia hisy rahon-tsetroka lehibe hiakatra avy ao an-tanàna.
[39]Rehefa lasa ny famantarana dia nilavo lefona tamin'ny ady ireo miramilan'Israely. Ary nanomboka nanafika i Benjamina ka nahafaty olon'Israely manodidina ny telopolo, ary hoy izy ireo hoe: "Azo antoka fa resy eo anatrehantsika izy ireo, tahaka ny tamin'ny ady voalohany."
[40]Rehefa nanomboka nisy andrin-drahona nivoaka avy tao amin'ny tanàna, dia nitodika ireo Benjamita ka nahita setroka nananika ny lanitra avy eo amin'ny tanàna manontolo. [41]Dia nivadika taminizy ireo ny olon'Israely. Raiki-tahotra ireo lehilahin'i Benjamina, fa hitan'izy ireo fa tonga tamin'izy ireo ny loza.
[42]Noho izany dia nandositra an'ireo olon'Israely izy ireo, nitsoaka tany amin'ny lalana mankany an'efitra. Nefa nahatratra azy ireo ny ady. Nivoaka ny tanàna ireo miaramilan'Israely ka nahafaty azy ireo teny amin'izay nitsanganany.
[43]Nihodidina an'ireo Benjamita izy ireo, nanao haza-lambo azy ireo ary nanosiosy azy ireo tany Noaha, tany amin'ny lalan'ny ilany antsinanan'i Gibea. [44]Valo arivo sy iray alina no olona maty avy tao amin'ny fokon'i Benjamina, ny rehetra tamin'izy ireo dia lehilahy niavaka tamin'ny ady.
[45]Nihodina izy ireo ary nandositra nizotra nankany an'efitra tany amin'ny vatolampin'i Rimona. Nahafaty olona dimy arivo hafa tamin'izy ireo ny Israelita teny an-dalana. Nanenjika azy ireo hatrany izy ireo, ary nanaraka azy ireo akaiky tany an-dalana nankany Gidoma, ary tany no namonoan'izy ireo olona roa arivo fanampiny. [46]Dimy arivo sy roa alina ireo miaramilan'i Benjamina rehetra lavo tamin'izany andro izany—dia lehilahy izay voaomana hiady amin'ny sabatra; izy rehetra dia niavaka tamin'ny ady.
[47]Nefa lehilahy eninjato no nihodina ka nandositra tany an'efitra, nankany amin'ny vatolampin'i Rimona. Nitoetra tany amin'ny vatolampin'i Rimona nandritra ny efa-bolana izy ireo. [48]Niverina hanohitra ireo olon'i Benjamina ireo miaramilan'Israely ary nanafika sy namono azy ireo—ny tanàna manontolo, ireo biby fiompy, ary ireo zavatra rehetra izay hitan'izy ireo. Nodoran'izy ireo ihany koa ireo tanàna rehetra teny amin'ny lalan'izy ireo.

21 [1]Ary ny lehilahin'Israely nanao fampanantenana tao Mizpa hoe: "Tsy hisy amintsika hanome ny zanany vavy hanambady Benjamita." [2]Dia nankany Betela ny vahoaka ka nitoetra tany teo anatrehan'Andriamanitra hatramin'ny hariva, ary nitomany mafy tamin'ny feo avo izy ireo. [3]Hoy izy ireo niantso mafy: "Nahoana, ry Yaveh, Andriamanitr'Israely, no dia nitranga tamin'ny Israely izao, ka tsy ho eto aminay intsony ny iray amin'ireo fokonay ankehitriny?"
[4]Nifoha maraina ny vahoaka ny ampitson'iny ka nanangana alitara teo ary nanolotra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana. [5]Hoy ny vahoakan'Israely hoe: "Iza tamin'ireo fokon'Israely no tsy niakatra tao amin'ny fiangonana tany amin'i Yaveh?" Satria nanao fampanantenana lehibe tokoa izy ireo mahakasika ny olona izay tsy niakatra teo amin'i Yaveh tany Mizpa. Hoy izy ireo hoe: "Tena hovonoina ho faty izy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Nanana fangoraham-po tamin'i Benjamina rahalahin'izy ireo ny vahoakan'Israely. Hoy izy ireo hoe: "Voafongotra tsy ho eo amin'ny Israely ny foko iray ankehitriny. [7]Iza no hanome vady ireo sisa tavela, satria efa nanao fampanantenana tamin'i Yaveh isika fa tsy hamela azy ireo hanambady ireo zanantsika vavy?"
[8]Hoy izy ireo hoe: "Iza tamin'ireo fokon'i Israely no tsy niakatra tany amin'i Yaveh tany Mizpa?" Fantatra fa tsy nisy olona tonga tao amin'ny fiangonana ny avy tany Jabesy Gileada. [9]Fa rehefa niainga tamin'ny fomba nirindra ny vahoaka, indro, tsy nisy tonga teo ireo mponin'i Jabesy Gileada. [10]Naniraka roa arivo sy iray alina tamin'ireo lehilahy be herim-po indrindra miaraka amin'ny toromarika ny fiangonana mba handeha any Jabesy Gileada ka hanafika azy ireo, ary hamono azy ireo, eny fa na dia ny zaza amam-behivavy aza.
[11]"Izao no ataovy: tsy maintsy vonoinareo ny lehilahy rehetra sy ny vehivavy rehetra izay efa niara-nandry tamina lehilahy." [12]Nahita tovovavy efajato izay mbola tsy niara-nandry tamina lehilahy tamin'ireo velona tao Jabesy Gileada ireo lehilahy, ka nentin'izy ireo tany an-toby tany Silo, tany Kanàna izy ireo.
[13]Nandefa hafatra tamin'ireo vahoakan'i Benjamina izay tany amin'ny harambaton'i Rimona ny fiangonana manontolo fa nanolotra fihavanana ho azy ireo izy ireo. [14]Niverina tamin'izany andro izany ireo Benjamita ary nomena azy ireo ny vehivavin'i Jabesy Gileada, nefa tsy ampy ho azy rehetra ireo ny vehivavy. [15]Nanenina tamin'izay nitranga tamin'i Benjamina ny vahoaka, satria nozarazarain'i Yaveh ireo fokon'Israely.
[16]Dia hoy ireo mpitarika ny fiangonana hoe: "Hataontsika ahoana ny hanomezana vady ho an'ireo Benjamita izay sisa tavela, satria efa novonoina ireo vehivavin'ny Benjamina?" [17]Hoy izy ireo hoe: "Tsy maintsy misy lova ho an'ireo sisa velon'i Benjamina, mba tsy hisy foko voaringana amin'ny Israely.
[18]Tsy afaka manome vady avy amin'ireo zanakay vavy ho azy ireo izahay, satria nanao fampanantenana ireo vahoakan'Israely hoe: 'Voaozona izay manome vady an'i Benjamina.'" [19]Dia hoy izy ireo hoe: "Fantatrareo fa isan-taona dia misy andro firavoravoana ho an'i Yaveh any Silo (avaratr'i Betela, atsinanan'ny lalana miakatra avy any Betela mankany Sekema, ary atsimon'i Lebona)."
[20]Nandidy ireo lehilahin'ny Benjamina izy ireo, nanao hoe: "Mandehana ka miafena ary miandrasa ao amin'ny tanim-boaloboka. [21]Miandrasa ny fotoana izay hivoahan'ireo zazavavy avy any Silo handihy, dia mivoaha faingana avy ao amin'ny tanim-boaloboka ka misambora vady avy amin'ireo zazavavy avy any Silo ny tsirairay avy aminareo, avy eo dia miverena any amin'ny tanin'i Benjamina.
[22]Rehefa tonga hanohitra antsika ireo rain'izy ireo na ireo anadahin'izy ireo, dia hiteny isika hoe: 'Anehoy famindram-po izahay! Avelao izy ireo hijanona satria tsy mba nahazo vady ho an'ny lehilahy tsirairay nandritra ny ady izahay. Tsy manan-tsiny ianareo, satria tsy nomenareo azy ireo ny zanakareo vavy."
[23]Nataon'ny vahoakan'i Benjamina izany. Nalain'izy ireo tamin'ireo zazavavy izay nandihy ny isan'ny vady izay nilain'izy ireo ka dia nentin'izy ireo ho vadiny izy ireo. Lasa izy ireo ary niverina tany amin'ny toeran -dovan'izy ireo. Nahorin'izy ireo indray ny tanàna sy nipetraka tao amin'izany. [24]Dia nandao izany toerana izany ka nandeha nody ny vahoakan'i Israely, samy any amin'ny foko sy ny fianakaviany avy, ary samy any amin'ny lovany avy.
[25]Tsy nisy mpanjaka tao Israely tamin'izany andro izany. Samy nanao izay marina teo imasony ny olona rehetra.

Rota

1 [1]Tamin'ny andro nanapahan'ireo mpitsara dia nisy mosary teo amin'ny tany, ary nisy lehilahy iray avy tao Betleheman'i Joda nandeha tany amin'ny tanin'i Moaba niaraka tamin'ny vadiny sy ireo zanany roa lahy. [2]Ny anaran'ilay lehilahy dia Elimeleka, ary ny anaran'ny vadiny dia Naomy. Ny anaran'ireo zanany roa lahy dia Malona sy Kiliona, izay Efratita avy any Betleheman'i Joda. Tonga tany amin'ny tanin'i Moaba izy ireo ary nonina tao.
[3]Ary maty i Elimeleka, vadin'i Naomy, ka izy sisa no tavela niaraka tamin'ny zanany roa lahy. [4]Ireo zanany lahy ireo dia naka vady tamin'ireo vehivavin'i Moaba; ny anaran'ny anankiray dia i Orpa, ary ny anaran'ny iray dia Rota. Nipetraka tao nandritra ny folo taona izy ireo. [5]Avy eo dia maty i Malona sy Kilona, namela an'i Naomy tsy misy vadiny ary tsy misy ireo zanany roa.
[6]Avy eo Naomy nanapa-kevitra ny handao an'i Moaba miaraka amin'ny vinantony vavy ary niverina tany Joda satria efa henony tao amin'ny faritr'i Moaba fa efa nanampy ny vahoakany izay nila fanampiana i Yaveh ary nanome sakafo azy ireo. [7]Dia nandao ny toerana izay niarahany tamin'ny vinantony vavy roa izy, ka nandeha nidina ny lalàna izy ireo mba hiverina amin'ny tanin'i Joda.
[8]Hoy i Naomy tamin'ireo vinantony vavy roa hoe: "Mandehana, miverina, any amin'ny tranon-dreninareo, ianareo tsirairay avy. Yaveh anie hampiseho ny hatsaram-panahy eo aminareo, toy ny nampisehoanareo hatsaram-panahy tamin'ny maty sy tamiko. [9]Ny Tompo anie hanome anareo ka hahitanareo fiadanana, ianareo tsirairay avy ao amin'ny tranon'izay vady haf. "Ary nanoroka azy ireo izy, sady nanandratra ny feony izy ireo no nitomany. [10]Hoy izy ireo taminy hoe: "Tsia! hiara-hiverina aminao ho any amin'ny vahoakanao izahay."
[11]Nefa i Naomy nilaza hoe: "Mandehana miverina, ry zanako vavy! Nahoana ianareo no handeha hanaraka ahy? Mbola hanana zazalahy ato an-kiboko ve aho ho anareo, ka ho lasa vadinareo izy ireo? [12]Mandehana miverina, ry zanako vavy, zory ny lalanareo, fa efa antitra aho raha hanambady. Raha miteny aho hoe: 'Manantena aho fa hahazo vady anio alina,' ary hiteraka zazalahy, [13]dia mbola hahandry azy ireo mandra-pahalehibehiny ve ianareo? Hahandry ve ianareo ary tsy hanambady lehilahy ankehitriny? Tsia, ry zanako vavy! Mampalahelo ahy indrindra izany, mihoatra noho ny alahelonareo ny amin'izany, satria ny tanan'i Yaveh no namely ahy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Ary nanandratra ny feony ireo vinantony vavy sady nitomany indray. Nanoroka nanao veloma ny rafozany vavy i Orpa, fa i Rota nifikitra teo aminy. [15]Hoy Naomy hoe: "Henoy, nody tany amin'ireo vahoakany sy ireo andriamaniny ny zaobavinao. Miverena miaraka amin'ny zaobavinao."
[16]Nefa i Rota nilaza hoe: "Aza avela hanalavitra anao aho, fa izay alehanao, dia halehako; izay hijanonanao, dia hijanonako; ny vahoakanao dia ho vahoakako, ary ny Andriamanitrao dia ho Andriamanitro. [17]Izay toerana hahafatesanao, dia hahafatesako, ary any no handevenana ahy. Yaveh anie hanasazy ahy, ary mihoatra aza, raha ny fahafatesana fa tsy zavatra hafa ihany no mampisaraka antsika." [18]Rehefa hitan'i Naomy fa tapa-kevitra handeha hiaraka aminy i Rota, dia nanajanona ny fiadian-kevitra taminy izy.
[19]Dia nandeha izy roa mandra-pahatongan'izy ireo tao an-tanàn'i Betlehema. Izao no nitranga rehefa tonga tao Betlehema izy ireo, ny tao an-tanàna manontolo dia taitra tamin'izy ireo. Hoy ireo vehivavy hoe: Naomy ve ity? [20]Kanefa hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Aza antsoina hoe Naomy aho. Antsoy hoe Mara aho, satria nampitondra ahy ny mangidy indrindra ny Tsitoha. [21]Nivoaka feno aho, nefa Yaveh nitondra ahy niverina tamin'ny tanam-polo tao an-trano. Noho izany nahoana ianareo no miantso ahy hoe Naomy, amin'ny fahitana ny fanamelohan'i Yaveh ahy, fa ilay Tsitoha dia nampahory ahy?"
[22]Ary Naomy sy Rota ilay Moabita, vinantovaviny dia niverina tany amin'ny tanin'i Moaba. Tonga tao Betlehema izy ireo tamin'ny fiandohan'ny fijinjam-bary.

2 [1]Ary Elimeleka, vadin'i Naomy, dia nanana havana akaiky, i Boaza, izay nanan-karena, sy lehilahy nanam-pahefana.
[2]Rota, ilay Moabita, niteny tamin'i Naomy hoe: "Ankehitriny avelao aho handeha ary hitsimpona izay sisa tavela amin'ireo salohim-bary eny an-tsaha. Hanaraka izay olona hahitako fitia eo imasony aho." Koa hoy i Naomy taminy hoe: "Mandehana, ry zanako vavy."
[3]Dia lasa i Rota ary nitsimpona izay sisa tavela teny amin'ny saha rehefa avy nojinjain'izy ireo izany. Ary sendra tonga teo amin'ny anjara sahan'i Boaza, izay havan'i Elimeleka izy. [4]Ary indro, Boaza tonga avy tany Betlehema ary niteny tamin'ireo mpijinja hoe: "Ho aminareo anie i Yaveh." Namaly azy izy ireo hoe: "Hitahy anao anie i Yaveh."
[5]Ary Boaza niteny tamin'ny mpanompony izay nanara-maso ireo mpijinja hoe: "Zanak'iza moa io tovovavy io?"[6]Ilay mpanompo mpanara-maso ny mpijinja namaly ary niteny hoe: "Tovovavy Moabita niara-niverina tamin'i Naomy avy any amin'ny tanin'i Moaba io. [7]Niteny tamiko izy hoe: 'Mba avelao re aho hitsimpona izay ambiny eo an-tsaha rehefa avy mijinja ny vokatra ireo mpiasa.' Koa dia tonga teto izy ka nanohy nanomboka tamin'ny maraina ka hatramin'izao, fa naka-aina kely tao an-trano izy."[1]
[8]Dia hoy Boaza tamin'i Rota: "Mihaino ahy ve ianao, anaka? Aza mandeha mitsimpona any amin'ny saha hafa; aza mandao ny sahako. Fa kosa, mijanòna eto ka miaraha-miasa amin'ireo tovovavy mpiasako. [9]Eo amin'ny saha izay hijinjan'ny zatovo ihany no afantohy ny masonao ka manaraha avy aorian'ireo vehivavy hafa. Tsy efa niteny ireo zatovo tsy hikasika anao ve aho? Na oviana na oviana ianao no mangetaheta, dia afaka mankeo amin'ny sinin-drano ianao ary misotro ny rano izay nantsakain'ireo zatovo."
[10]Dia niankohoka teo anatrehan'i Boaza izy, nampikasika ny lohany tamin'ny tany. Hoy izy taminy: "Nahoana no dia nahita fitia teo imasonao aho, ka miahy ahy ianao, izaho izay mpivahiny?" [11]Namaly i Boaza ka niteny taminy hoe: "Voatatitra taty amiko, izay rehetra nataonao hatramin'ny nahafatesan'ny vadinao. Nandao ny rainao, ny reninao, ary ny tany nilatsahan'ny tavoninao ianao mba hanaraka ny rafozam-bavinao ka handeha ho any amin'ny vahoaka izay tsy fantatrao. [12]Andriamanitra anie hamaly fitia anao nohon'ny asanao. Enga anie ianao handray ny tambiny feno avy amin'i Yaveh, ilay Andriamanitr'i Israely, izay nahitanao fialofana tao ambany elany."
[13]Dia hoy izy avy eo: "Aoka hahita fitia eo imasonao aho, tompoko, fa nampionona ahy ianao, ary niteny tamin'ny fahatsoram-po tamiko, na dia tsy isan'ireo mpanompo vavinao aza aho."
[14]Tamin'ny ora fisakafoana dia hoy Boaza tamin'i Rota: "Avia eto, ary mihinana amin'ny mofo, ka atsobohy ao amin'ny divay marikivy ny sombi-mofonao." Dia nipetraka teo akaikin'ireo mpijinja izy, ary nanolotra vary voaendy ho azy izy. Nihinana izy ambara-pahavokiny ary navelany ny ambin'izany.
[15]Raha iny izy nitsangana hanangona voa iny, dia nandidy ireo tovolahiny i Boaza, nanao hoe: "Aoka izy hanangona ny voa na dia eo amin'ireo amboara aza, ary aza miteny azy tsy hanao izany. [16]Ary manipaza salohim-bary maromaro avy amin'ny amboara ho azy ihany, dia avelao izany mba ho angoniny, ary aza mibedy azy."
[17]Koa dia nitsimpona teny an-tsaha izy mandra-paharivan'ny andro. Avy eo dia nively ireo salohim-bary izay voaangony izy, ary vary hordea teo ho eo amin'ny iray efaha izany. [18]Nampiakariny izany ka nankany an-tanàna izy. Avy eo dia hitan'ny rafozam-baviny ireo voaangony. Nitondra vary nendasina ambin'ilay sakafony ihany koa i Rota ka nanome izany ho azy.
[19]Hoy ny rafozam-baviny taminy hoe: "Taiza ianao no nitsimpona androany? Taiza ianao no nandeha niasa? Ho tahiana anie ny lehilahy izay nanampy anao." Dia nolazain'i Rota tamin'ny rafozam-baviny ny momba ilay lehilahy izay nanana ilay saha niasany. Hoy izy hoe: "Boaza no anaran'ilay lehilahy izay tompon'ny tany niasako androany." [20]Hoy Naomy tamin'ny vinantovaviny hoe: "Ho tahian'i Yaveh, ilay tsy nahafoy ny fahitsiany tamin'ny velona sy ny maty anie izy." Hoy i Naomy taminy: "Havantsika akaiky ilay lehilahy, anankiray amin'ny havana mpanavotra antsika."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Hoy i Rota Moabita hoe: "Hoy tokoa izy tamiko hoe: 'Tokony hifanakaiky amin'ny zatovolahiko hatrany ianao ambara-pahavitan'izy ireo ny fijinjam-bokatro rehetra.'" [22]Hoy i Naomy tamin'i Rota vinantovaviny hoe: "Tsara izany, ry zanako vavy, ny handehananao miaraka amin'ireo mpiasany vavy, mba tsy hisy hanjo anao any amin'ny saha hafa."
[23]Koa dia nitoetra akaikin'ireo mpiasa vavin'i Boaza izy mba hitsimpona ambara-pahatapitry ny fijinjana vary hordea sy ny fijinjana varim-bazaha. Niara-nonina tamin'ny rafozam-baviny izy.

---

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany ankehitriny dia mivaky toy izao: "Mba avelao re aho hitsimpona ka hanangona amin'ireo amboara voa aorian'ireo mpijinja."

---

3 [1]Ary Naomy, razofam-baviny, niteny taminy hoe: "Ry zanako vavy, tsy tokony hitady toerana mba hitsaharanao ve aho, mba hahatsara anao? [2]Ary Boaza, ilay lehilahy izay niarahanao ny mpiasa vavy mpanompony, tsy havantsika ve izy? Indro, hikororoka vary hordea ao am-pamoloana izy rahalina.
[3]Noho izany, sasao ny tenanao, hosory menaka ny tenanao, anaovy ireo akanjonao tsara indrindra, ary midïna any am-pamoloana. Fa aza atao fantatry ny olona ianao mandra-pahavitany mihinana sy misotro. [1][4]Fa rehefa mandry izy, mariho ny toerana izay handriany mba hahafahanao mankany aminy avy eo, esory ny lamba amin'ny tongony, ary mandria eo. Dia holazainy aminao izay hatao." [5]Hoy Rota tamin'i Naomy: "Hanao ny zavatra rehetra nolazainao aho."
[6]Ka dia nidina tany am-pamoloana izy, ary nanaraka ireo toro-marika nomen'ny rafozam-baviny azy. [7]Rehefa nihinana sy nisotro i Boaza ary faly ny fony, dia nandeha nandry teo amin'ny faran'ny antontam-bary izy. Avy eo dia tonga tsimoramora izy, nanala ny lamba tamin'ny tongony, ary nandry.
[8]Izao no nitranga rehefa taitra ralehilahy tamin'ny misasakalina. Nitodika izy, ary tampoka teo indro nisy vehivavy nandry teo an-tongony! [9]Hoy izy: "Iza ianao?" Dia namaly izy hoe: "Izaho no Rota, mpanompo vavinao. Aelezo amin'ny mpanompo vavinao ny lambanao, fa havana akaiky ianao."
[10]Hoy i Boaza: "Ry zanako vavy, hotahian'i Yaveh anie ianao. Efa naneho hatsaram-panahy bebe kokoa tamin'ny ato aoriana noho ny tamin'ny voalohany ianao, satria tsy nanaraka ny zatovo lahy ianao, na mahantra na manan-karena.
[11]Ankehitriny, ry zanako vavy, aza matahotra! Hataoko ho anao ny rehetra izay lazainao, satria ny tanànan'ny vahoakako rehetra mahafantatra fa vehivavy mendrika ianao.
[12]Marina fa havana aho, nefa misy havana akaiky kokoa noho izaho. [13]Mijanòna eto rahalina, ary amin'ny maraina, raha hanatanteraka ny adidin'ny maha-havana akaiky ho anao izy, tsara izany, aoka izy hanao ny adidin'ny maha-havana akaiky. Fa raha tsy hanao ny adidin'ny maha-havana akaiky ho anao izy, dia ho ataoko izany, noho ny fahaveloman'i Yaveh. Mandria mandra-maraina."
[14]Dia nandry teo an-tongony mandra-maraina izy. Fa nifoha izy raha mbola maizina tsy ahalalana olona iny ny andro. Fa i Boaza niteny hoe: "Aoka tsy ho fantatra hoe tonga eo am-pamoloana ravehivavy." [15]Dia hoy i Boaza: "Ento ny lamba fitafianao ary hazony izany." Rehefa nanao toy izany izy, dia nandrefy vary hordea inenin'ny famarana tao anatin'izany izy ary nametraka ny entana teo aminy. Dia nankany an-tanàna izy.
[16]Rehefa tonga tany amin'ny rafozam-baviny i Rota, dia hoy izy: "Ahoana no nataonao, ry zanako vavy?" Dia niteny taminy ny rehetra izay nataon-dralehilahy taminy i Rota. [17]Hoy izy: "Ireto vary hordea in'enin'ny famarana ireto no nomeny ahy, fa hoy izy: 'Aza mandeha fotsiny amin'izao mankany amin'ny rafozam-bavinao.' [18]Dia hoy i Naomy: "Mijanòna eto, ry zanako vavy, mandra-pahafantaranao izay fivadian-javatra, fa tsy hitsahatra ralehilahy mandra-pahavitany izany zavatra izany anio."

---

[1]Fanamarihana: Ny lahatsoratry ny Hebreo dia misy hoe: "Anaovy ny akanjo fitafianao tsara indrindra." Na izany aza, ny fanamarihana eo amin'ny sisiny manoro ny mpamaky hamaky hoe: "Anaovy ireo akanjonao tsara indrindra." Manana safidy malalaka amin'ireo ny mpandika teny.

---

4 [1]Ary niakatra teo amin'ny vavahady i Boaza ary nijanona teny. Indro, tonga ilay havana akaiky izay efa noresahan'i Boaza. Hoy i Boaza taminy hoe: "Ry namako, manatona ary mipetraha eto." Nanatona ilay lehilahy ary nipetraka. [2]Avy eo dia naka lehilahy folo tamin'ireo loholona teo an-tanàna i Boaza ary niteny hoe: "Mipetraha eto." Ka nipetraka izy ireo.
[3]Hoy i Boaza tamin'ilay havana akaiky hoe: "Naomy, izay niverina avy any amin'ny tanànan'i Moaba, dia mivarotra ampahan-tany izay an'i Elimeleka rahalahintsika. [4]Nieritreritra ny hampahafantatra anao sy hilaza aminao aho hoe: 'Vidio eo anatrehan'ireo izay mipetraka eto izany, ary eo anatrehan'ireo loholon'ny vahoakako.' fa raha maniry ny hanavotra izany ianao, havoty izany. Fa raha tsy tianao ny hanavotra izany, dia teneno aho, mba hahafantarako, satria tsy misy hanavotra an'io ankoatra anao, ary izaho manohana anao." Ary hoy ilay lehilahy iray hafa hoe: "Ho avotako io."
[5]Ary hoy i Boaza hoe: "Amin'ny andro izay hividiananao io tany eny an-tanan'i Naomy io, dia tsy maintsy maka an'i Rota ilay Moabita, vadin'ilay lehilahy maty, mba hanandratra ny anaran'ilay lehilaly maty amin'ny lovany ihany koa ianao."
[6]Ary hoy ilay havana akaiky hoe: "Tsy afaka ny hanavotra izany ho an'ny tenako aho raha manimba ny lovako izany. Alaivo ho anao ny zon'ny fanavotako, satria tsy afaka ny hanavotra izany aho."
[7]Ary izany no fomba fahiny tao Israely mahakasika ny fanavotana sy fifanakalozan'entana. Mba hanamafisana ny zava-drehetra, ny lehilahy iray dia nanala ny kirarony ary nanome izany ho an'ny mpiara-belona aminy; izany no fomba

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fanaovana fifanekena manara-dalàna tao Israely. [8]Ka hoy ilay havana akaiky tamin'i Boaza hoe: "Vidio ho an'ny tenanao izany," ary nesoriny ny kapany.
[9]Ary hoy i Boaza tamin'ireo loholona sy ny olona rehetra hoe: "Vavolombelona ianareo androany fa efa novidiko daholo izay rehetra an'i Elimeleka sy izay rehetra an'i Kiliona ary Mahalona teny an-tanan'i Naomy. [10]Raha ny momban'i Rota ilay Moabita, vadin'i Mahalona: Efa nalaiko ho vadiko koa izy, mba hahafahako manandratra ny anaran'ilay lehilahy maty mba ho lovany, ka tsy hiala eo amin'ireo rahalahiny sy eo amin'ny vavahadin'ny fonenany ny anarany. Vavolombelona ianareo anio."
[11]Hoy ireo olona rehetra izay teo amin'ny vavahady sy ireo loholona hoe: "Vavolombelona izahay. I Yaveh anie hanao ilay vehivavy izay tonga ao antranonao ho toa an'i Rahely sy Lea, izy roa izay nanangana ny tranon'ny Israely; ary enga anie ianao hahomby ao Efrata ary halaza ao Betlehema. [12]Enga anie ny tranonao ho toy ny tranon'i Fareza, izay naterak'i Tamara tamin'i Joda, amin'ny alalan'ny taranaka izay homen'i Yaveh anao miaraka amin'io tovovavy io."
[13]Ka noraisin'i Boaza i Rota, ary dia lasa vadiny izy. Niara-nandry taminy izy, ary i Yaveh dia namela azy ho bevohoka, ary niteraka zazalahy izy. [14]Hoy ilay vehivavy tamin'i Naomy hoe: "Hisaorana anie i Yaveh, izay tsy namela anao tsy hanan-kavana akaiky, dia ity zaza ity. Halaza ao Israely anie ny anarany. [15]Enga anie izy ho ilay hamerina ny fiainanao amin'ny laoniny ary hikarakara anao rehefa antitra ianao, fa ny vinantonao, izay tia anao, izay tsara aminao mihoatra noho ny zanaka fito lahy, no niteraka azy."
[16]Noraisin'i Naomy ilay zaza, dia nampatoriany teo an-tratrany, ary nokarakarainy. [17]Nomen'ireo vehivavy mpiara-belona anarana izy hoe: "Ilay zaza lahy nateraka ho an'i Naomy." Nantsoin'izy ireo hoe: Obeda. Izy dia niteraka an'i Jese, izay niteraka an'i Davida.
[18]Ary ireto no taranak'i Fareza: I Fareza dia niteraka an'i Hezrona, [19]i Hezrona niteraka an'i Rama, i Rama niteraka an'i Aminadaba, [20]i Aminadaba niteraka an'i Nasona, i Nasona niteraka an'i Salmona, [21]i Salmona niteraka an'i Boaza, i Boaza niteraka an'i Obeda, [22]i Obeda niteraka an'i Jese, ary i Jese niteraka an'i Davida.

1 Samoela

1 [1]Nisy lehilahy iray avy ao Ramataima an'i Zefotita, tany havoan'ny Efraima; ny anarany dia Elkana zanaka lahin'i Jeroama zanaka lahin'i Eliho zanaka lahin'i Toho zanaka lahin'i Zofa, ilay Efraimita. [2]Nanana vady anankiroa izy, ny voalohany dia i Hana, ary ny anaran'ilay faharoa dia i Penina. Nanan-janaka i Penina, fa i Hana kosa tsy mba nanana.
[3]Io lehilahy io dia isan-taona no niala avy any amin'ny tanànany mba hanompo sy hanao sorona ho an'i Yaveh tompon'ny maro ao Silo. Tao ireo zanaka roa lahin'i Ely, Ofnia sy Finehasa, mpisoron'i Yaveh. [4]Rehefa tonga ny anjara andro hanaovan'i Elkana sorona isan-taona, dia nanome ampahana hena an'i Penina vadiny lalandava izy, ary ho an'ireo zanany lahy sy ireo zanany vavy rehetra.
[5]Fa ho an'i Hana kosa dia ampahany roa foana no nomeny azy, satria tiany i Hana, na dia efa nataon'i Yaveh momba aza izy. [6]Nihantsy azy fatratra ny rafivaviny mba haharangitra azy, satria Yaveh nahamomba azy.
[7]Koa isan-taona, rehefa niakatra tany an-tranon'i Yaveh izy mbamin'ny fianakaviany, dia nihantsy azy hatrany ny rafivaviny. Noho izany dia nitomany sy tsy nihinana na inona na inona izy. [8]Fa i Elkana vadiny niteny taminy mandrakariva hoe: "Hana, nahoana ianao no mitomany? Nahoana ianao no tsy misakafo? Nahoana ny fonao no malahelo? Tsy tsara aminao noho ny zanaka lahy folo ve aho?
[9]Indray mandeha, dia niainga i Hana rehefa avy nihinana sy nisotro tao Silo izy ireo. Ary Ely mpisorona nipetraka teo amin'ny sezany teo akaikin'ny vavahadin'ny tempolin'i Yaveh. [10]Ory tanteraka izy; nivavaka tamin'i Yaveh izy ary nitomany mafy.
[11]Nanao voady izy ary nanao hoe: "Ry Yaveh tompon'ny maro, raha hitanao ny fahorian'ny mpanomponao dia tsarovy aho, ary aza manadino ny mpanomponao, fa omeo zanaka lahy kosa ny mpanomponao, dia ho atolotro an'i Yaveh izy amin'ny androm-piainany rehetra, ary tsy hisy hareza hikasika ny lohany."
[12]Ary raha mbola nanohy nivavaka teo anatrehan'i Yaveh izy, dia nojeren'i Ely ny vavany. [13]Niteny tao am-pony i Hana. Nihetsiketsika ny vavany, saingy tsy re ny feony. Ka dia nieritreritra i Ely fa mamo izy. [14]Dia hoy i Ely taminy: "Hafiriana ianao no ho mamo? Mialà amin'ny divainao."
[15]Hana namaly hoe: "Tsia tompoko, vehivavy ory am-panahy aho. Tsy nisotro aho na divay na zava-mahamamo, fa mamboraka ny ato anatiko eto anatrehan'i Yaveh aho. [16]Aza heverina ho vehivavy tsy misy henatra ny mpanomponao; niteny tamin'ny haben'ny fahoriako sy ny fihantsiana ahy aho."
[17]Ary Ely namaly ka nanao hoe: "Mandehana am-piadanana; Andriamanitr'Israely anie hamaly ny fangatahana izay nangatahinao taminy." [18]Hoy ilay vehivavy: "Aoka hahita sitraka eo imasonao ny mpanomponao." Dia nandeha tamin'ny lalany ravehivavy ka nihinana; tsy nalahelo intsony ny endriny.
[19]Niainga vao mangiran-dratsy izy ireo ka nanompo teo anatrehan'i Yaveh, ary niverina tany an-tranony tany Rama indray izy ireo avy eo. Niara-nandry tamin'i Hana vadiny i Elkana, ary Yaveh nahatsiaro azy. [20]Rehefa tonga ny fotoana, dia nitoe-jaza i Hana ary niteraka zaza lahy. Niantso ny anarany hoe: Samoela izy, nanao hoe: "Satria avy tamin'i Yaveh no nangatahako azy."
[21]Elkana sy ireo ankohonany rehetra dia niakatra indray mba hanolotra ny sorona isan-taona ho an'i Yaveh ka nanefa ny voadiny. [22]Fa i Hana kosa tsy nandeha; efa niteny tamin'ny vadiny izy hoe: "Tsy handeha aho mandra-pisara-nono ny zazakely; ary ho entiko izy, mba hahafahany miseho eo anatrehan'i Yaveh ary hitoetra any mandrakizay." [23]Hoy i Elkana

vadiny taminy hoe: "Ataovy izay hitanao fa tsara aminao. Miandrasa mandra-pampisarahanao nono azy; saingy, Yaveh ihany anie no hanamafy ny teniny." Dia nijanona ilay vehivavy ary nitaiza ny zanany lahy mandra-panasarahany nono azy.
[24]Rehefa nosarahany nono izy, dia nentiny niaraka taminy, niaraka tamin'ny zanak'omby kely telo taona iray, sakafo iray efaha, ary tavoahangin-divay iray, ka nentiny tao an-tranon'i Yaveh tao Silo izy. Ary mbola kely ilay zaza. [25]Novonoin'izy ireo ny zanak'omby, ary nentiny tany amin'i Ely ilay zaza.
[26]Hoy izy hoe: "O, ry tompoko! Raha mbola velona koa ianao, ry tompoko, izaho ilay vehivavy izay nijoro teo akaikinao nivavaka tamin'Yaveh. [27]Fa ity zaza ity no nivavahako ary nomen'i Yaveh ahy ny fangatahako izay nangatahiko taminy.
[28]Efa nomeko an'Yaveh izy, raha mbola velona koa izy dia hatolotra an'i Yaveh." Dia nanompo an'iYaveh teo izy. [2]

---

[1]Fanamarihana: ny dikan-teny vaovao sasany manao hoe: "Ramataima Zofima" kanefa izany dia azo amin'ny hoe: "Zofima" izay manondro tanteraka ny faritra izay nonenan'ireo taranam-poko avy any Zofa.
[2]Ny dikan-teny vaovao sasany misy hoe: "Dia nanompo an'i Yaveh teo izy ireo."

---

2 [1]Nivavaka Hana ka nanao hoe: "Ny foko mifaly ao amin'i Yaveh. Ny tandroko misandratra amin'i Yaveh. Ny molotro mirehareha manoloana ireo fahavaloko, satria mifaly amin'ny famonjenao aho.
[2]Tsy misy masina tahaka an'i Yaveh, fa tsy misy hafa ankoatra Anao; tsy misy vatolampy tahaka ny Andriamanitsika.
[3]Aza mirehareha loatra intsony; aoka tsy ho aloaky ny vavanao ny fiavonavonana. Fa Yaveh no Andriamanitry ny fahalalana; amin'ny alalany no handanjana ny asa. [4]Ny tsipìkan'ireo lehilahy mahery dia tapaka, fa ireo tafintohina kosa dia misikin-kery tahaka ny fehikibo.
[5]Ireo izay voky dia nikarama mofo; ireo izay noana dia nitsahatra tamin'ny hanoanana. Na ny momba aza miteraka fito, fa ny vehivavy manan-janaka maro kosa dia mivalaketraka.
[6]Yaveh no mahafaty sy mitondra ho amin'ny fiainana. Izy no mampidina any amin'ny fianan-tsy hita ary manangana.
[7]Yaveh no mampahantra ny olona sasany ary mampanan-karena ny sasany. Mampietry Izy, nefa mampisandratra ihany koa.
[8]Mampitraka ny mahantra hiala amin'ny vovoka Izy. Mampisandratra ny ory hiala amin'ny lavenona mba hametraka azy ireo miaraka amin'ny andrian-dahy ka handova ny sezam-boninahitra. Ny andrin'ny tany rehetra dia an'i Yaveh ary teo amin'ireo no nametrahany an'izao tontolo izao.
[9]Ho ambenany ny tongotry ny olony mahatoky, fa ny ratsy fanahy kosa dia hampanginina any amin'ny aizim-pito, satria tsy misy handresy amin'ny hery.
[10]Ireo izay manohitra an'i Yaveh dia ho potipotika; hampikotrok'orana avy any an-danitra hanohitra azy ireo Izy. Yaveh no hitsara ny ny faran'ny tany rehetra; hanome hery ny mpanjakany Izy ary hanandratra ny tandrok'ilay voahosony."
[11]Avy eo i Elkana dia nankany Rama, tany an-tranony. Nanompo an'Andriamanitra teo amin'ny fanatrehan'i Ely mpisorona ny zaza.
[12]Ary lehilahy ratsy fanahy ireo zanaka lahin'i Ely. Tsy nahalala an'i Yaveh izy ireo. [13]Ny fanaon'ny mpisorona miaraka amin'ireo vahoaka rehefa nisy lehilahy nanolotra sorona, dia manatona ny mpanompon'ny mpisorona ka mitondra fitrebika telo rantsana eny an-tanany, raha mbola mangotraka ny hena. [14]Hatsindrony ao anaty lasitra izany, na fandrahoana hena, na vilany, na vilanibe. Ireo rehetra azon'ny fitrebika ao dia alain'ny mpisorona ho azy. Nataon'izy ireo tao Silo niaraka tamin'ireo Israelita rehetra izay tonga tao izany.
[15]Ratsy lavitra aza, mialohan'ny nandoran'izy ireo ny jabora, dia tamy ny mpanompon'ny mpisorona, ary niteny tamin'ilay lehilahy izay nanao ny sorona hoe: "Omeo hena ho atsatsika ny mpisorona, fa tsy hanaiky hena nandrahoina avy aminao izy, fa ny manta ihany." [16]Raha miteny aminy ilay lehilahy hoe, "Tsy maintsy doran'izy ireo aloha ny jabora, ary avy eo dia afaka maka betsaka araka izay tinao ianao." Dia valiany hoe: "Tsia, fa omenao izao ankehitriny izao ihany izany; fa raha tsy izany, dia ho alaiko an-keriny izany." [17]Lehibe dia lehibe tokoa ny helok'ireo zatovo lahy manoloana an'i Yaveh, satria nataon'izy ireo tsinontsinona ny fanatitra an'i Yaveh.
[18]Fa i Samoela dia nanompo an'i Yaveh raha mbola zaza niakanjo efoda rongony fotsy. [19]Nanamboaran-dreniny akanjo lava kely izy ka nentiny ho azy isan-taona isan-taona izany, rehefa niakatra niaraka tamin'ny vadiny mba hanolotra ny fanatitra fanao isan-taona izy.
[20]Ary Ely nitso-drano an'i Elkana sy ny vadiny ka niteny hoe: "Hanome anao zaza maro amin'ity vehivavy ity anie Andriamanitra nohon'ny fangatahana izay nataony tamin'i Yaveh." Avy eo dia niverina tany an-tranony izy ireo.
[21]Nanampy an'i Hana indray i Yaveh, ka nitoe-jaza indray izy. Niteraka telo lahy sy roa vavy izy. Nandritra izany fotoana izany, dia nitombo teo anatrehan'i Yaveh i Samoela zaza.
[22]Ary efa ntitra tokoa i Ely; reny avokoa izay rehetra nataon'ireo zanany lahy tamin'ny Israely rehetra, sy ny nandrian'izy ireo niaraka tamin'ny vehivavy izay nanompo eo amin'ny fidirana ao amin'ny lay fihaonana. [23]Hoy izy tamin'izy ireo: "Fa maninona ianareo no manao zavatra tahaka izany? Efa reko tamin'ny olon-drehetra avokoa ny zava-dratsy nataonareo.
[24]"Tsia, ry zanako; tsy tatitra tsara no reko. Mahatonga ny vahoakan' i Yaveh tsy hankatoa ianareo.
[25]"Raha misy olona iray manota amin'ny iray hafa, dia hotsarain'Andriamanitra izy; fa raha misy lehilahy iray manota amin'i Yaveh, iza no hisolo vava azy?" Fa tsy hihaino ny feon'ny rainy izy ireo, satria Yaveh efa nikasa ny hahafaty azy ireo. [26]Niha-lehibe i Samoela zaza, ary nitombo fitia tamin'i Yaveh sy tamin'ny olona ihany koa.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[27]Ary nisy lehilahin'Andriamanitra iray nanatona an'i Ely ka nanao taminy hoe: "Izao no nolazain'i Yaveh, 'Tsy efa nampiseho ny tenako taminao tamin'ny ankohonan'ireo razambenao ve Aho, raha mbola tany Egypta tamin'ny fanandevozan'ny ankohonan'i Farao izy ireo? [28]Nofidiko tanatin'ireo fokon'Israely rehetra izy mba ho mpisoroko, mba hiakatra eny amin'ny alitarako, ary mba handoro ny ditin-kazo manitra, mba hiakanjo efoda manoloana Ahy. Nomeko ho an'ny taranaky ny razambenao ireo fanatitra rehetra nataon'ny vahoakan'ny Israely tamin'ny afo.
[29]Nahoana ary, ianao no maniratsira ireo sorona sy fanatitro izay notakiako ho eo amin'ny toerana fonenako? Nahoana no omenao voninahitra mihoatra ahy amin'ny fanatavezana ny tenanareo amin'ny tsara indrindra avy amin'ny fanatitra rehetran'ny Israely vahoakako ny zanakao?' [30]Fa Yaveh, Andriamanitr'Israely, miteny hoe: 'Nampanantena Aho fa ny taranakao, sy ny ankohonan'ny razambenao, dia handeha eo anatrehako mandrakizay.' Nefa ankehitriny kosa dia hoy Yaveh: 'Sanatria Amiko ny hanao izany, izay manome voninahitra Ahy no homeko voninahitra, fa izay manao tsinontsinona Ahy kosa no ho tsinontsinoaviko.
[31]Indro, ho avy ny andro izay hanapahako ny herinao sy ny herin'ny ankohonan'ny razambenao, ka tsy hisy lehilahy ho tratra antitra intsony amin'ny taranakao. [32]Hahita fahoriana eny amin'izay toerana honenako ianao. Na dia omena soa aza ny Israely, dia tsy hisy lehilahy ho tratra antitra intsony amin'ny taranakao. [33]Ny sasany aminareo izay tsy ho esoriko amin'ny alitarako, dia ho ataoko pahina ny masonareo, ary ahatonga alahelo ny amin'ny fiainanareo Aho. Ireo lehilahy rehetra izay teraka ao amin'ny fianakavianareo dia ho faty.
[34]Izao no famantarana ho anao izay hanjo ireo zanakao roa lahy, amin'i Hofinia sy Finehasa: Samy ho faty amin'ny andro iray izy miralahy ireo. [35]Hanangana mpisorona mahatoky ho an'ny tenako izay hanatanteraka ny ao am-poko sy ny ao amin'ny fanahiko Aho. Hanorina trano azo antoka ho azy Aho; ary handeha eo anoloan'ny mpanjaka izay voahosotro mandrakizay izy.
[36]Izay rehetra sisa tavela amin'ny taranakao dia ho avy ary hiankohoka eo aminy, hangataka sombim-bolafotsy sy mofo, ary hiteny hoe: "Mba tendreo ho isan'ny iray amin'ireo mpisoronao re aho mba hahafahako mihinana sombi-mofo iray."'"

3 [1]Nanompo an'i Yaveh teo amin'ny fanatrehan'i Ely i Samoela zaza. Vitsy ireo tenin'i Yaveh tamin'ireo andro ireo; tsy dia nisy fahitana ara-paminaniana matetika. [2]Tamin'izany fotoana izany, Ely, izay efa nanomboka pahina masony ka tsy mahita tsara, dia nandry teo am-pandriany. [3]Mbola tsy maty ny fanilon'Andriamanitra, ary nandry mba hatory tao amin'ny tempolin'i Yaveh i Samoela, tao amin'izay nisy ny fiaran'Andriamanitra. [4]Yaveh niantso an'i Samoela, izay nanao hoe: "Inty aho."
[5]Nihazakazaka nankany amin'i Ely i Samoela niteny hoe: "Inty aho, fa niantso ahy ianao." Hoy i Ely: "Tsy niantso anao aho, miverena mandry." Ka nandeha i Samoela ary nandry. [6]Niantso indray i Yaveh hoe: "Ry Samoela." Dia nitsangana indray i Samoela ary nankany amin'i Ely, nanao hoe: "Inty aho, fa niantso ahy ianao." Dia namaly i Ely hoe: "Tsy niantso anao aho, ry zanako, miverena mandry."
[7]Ary Samoela dia mbola tsy dia nahafantatra loatra an'i Yaveh, na nisy hafatra avy amin'i Yaveh mbola nambara taminy.
[8]Niantso an'i Samoela fanintelony indray i Yaveh. Nitsangana indray i Samoela ary nankany amin'i Ely sy niteny hoe: "Inty aho, fa niantso ahy ianao." Dia fantatr'i Ely fa i Yaveh no niantso ilay zazalahy.
[9]Dia hoy i Ely tamin'i Samoela: "Mandehana ary miverena mandry; raha mbola miantso anao indray Izy, dia tsy maintsy milaza ianao hoe: "Mitenena, ry Yaveh, fa mihaino ny mpanomponao."' Ka nandeha i Samoela ary nandry tamin'ny toerany indray.
[10]Tonga i Yaveh ka nitsangana; niantso tahaka ny tamin'ireo fotoana hafa hoe: "Samoela, Samoela." Dia hoy i Samoela hoe: "Mitenena, ry Yaveh, fa mihaino ny mpanomponao." [11]Hoy i Yaveh tamin'i Samoela: "Indro, hanao zavatra amin'Israely Aho ka ny sofin'izay rehetra mandre izany dia hangorintsina.
[12]Amin'izany andro izany dia hanatanteraka ny zavatra rehetra efa nolazaiko tamin'i Ely momba ny ankohonany, hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany Aho. [13]Nilaza taminy Aho fa hitsara ny ankohonany indray mandeha tsy miverina ny amin'ireo fahotana izay fantany, satria ireo zanany dia nitondra ozona tamin'ny tenan'izy ireo ary tsy nanakana azy ireo izy. [14]Noho izany dia nianiana tamin'ny ankohonan'i Ely Aho fa ireo fahotan'io ankohonana io dia tsy ho voahonitra amin'ny sorona na fanatitra mihitsy."
[15]Nandry mandra-maraina i Samoela; dia nanokatra ny varavaran'ny tranon'i Yaveh izy. Fa natahotra ny hilaza tamin'i Ely momba ny fahitana i Samoela. [16]Avy eo dia niantso an'i Samoela i Ely ka nanao taminy hoe: "Ry Samoela, zanako." Dia hoy i Samoela hoe: "Inty aho."
[17]Hoy izy: "Inona no teny nolazainy taminao? Aza afenina ahy re izany. Hanao izany aminao anie Andriamanitra, ary mihoatra noho izany aza, raha manafin-javatra amiko ny amin'ireo teny rehetra izay nolazainy anao ianao." [18]Dia nolazain'i Samoela taminy ny zava-drehetra; tsy nanafina na inona na inona taminy izy. Hoy i Ely: "Izy no Yaveh. Avelao Izy hanao izay mety hoe tsara Aminy."
[19]Niha-lehibe i Samoela, ary i Yaveh dia niaraka taminy, ary tsy navelany hisy tamin'ireo teny faminaniany tsy ho tanteraka. [20]Ny Israely rehetra hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba dia nahafantatra fa i Samoela dia voatendry ho mpaminanin'i Yaveh. [21]Niseho tao Silo indray i Yaveh, satria nanambara ny tenany tamin'ny teniny tamin'i Samoela tao Silo Izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

4 [1]Tonga tamin'ny Israely rehetra ny tenin'i Samoela. Ary nivoaka hiady tamin'ireo Filistina ny Israely. Nametraka toby teo Ebenezera izy ireo, ary nametraka toby teo Afeka kosa ireo Filistina. [2]Nilahatra hiady tamin'ny Israely ireo Filistina. Rehefa niely ny ady, dia resin'ireo Filistina izay nahafaty teo ho eo amin'ny efatra arivo lahy teo amin'ny sahan'ady ny Israely.
[3]Rehefa niditra tao an-toby ny vahoaka, dia hoy ireo loholon'Israely hoe: "Nahoana Yaveh no naharesy antsika teo anatrehan'ireo Filistina androany? Andeha ho entintsika avy any Siloha hankaty ny fiaran'ny faneken'i Yaveh, mba hiaraka amintsika aty izany, ka hiaro antsika amin'ny tanan'ireo fahavalontsika." [4]Koa dia naniraka lehilahy nankany Siloha ny vahoaka; avy any no nitondran'izy ireo ny fiaran'ny faneken'i Yaveh tompon'ny maro, izay mipetraka ambonin'ny kerobima. Teo niaraka tamin'ny fiaran'ny faneken'Andriamanitra ireo zanak'i Ely roa lahy, dia i Hofinia sy Finehasa.
[5]Rehefa niditra tao an-toby ny fiaran'ny faneken'i Yaveh, dia niara-namoaka hiaka mafy ny vahoakan'Israely rehetra, ary nanakoako ny tany. [6]Rehefa ren'ireo Filistina ny kotaban'ny hiakiaka, dia hoy izy ireo hoe: "Fa inona no dikan'izay tabataba mafy ao an-tobin'ny Hebreo izany?" Avy eo dia azon'izy ireo an-tsaina fa tonga tao an-toby ny fiaran'i Yaveh.
[7]Natahotra ireo Filistina; hoy izy ireo hoe: "Misy andriamanitra tonga ao an-toby." Hoy izy ireo hoe: [8]"Loza ho antsika! Tsy mbola nisy zavatra nitranga toy izao taloha! Loza ho antsika! Iza no hiaro antsika amin'ny herin'ireo andriamanitra mahery ireo? Ireo no andriamanitra izay namely ny Egyptiana tamin'ny loza maro isan-karazany tany an'efitra. [9]Alao hery, ary mbà lehilahy, ianareo ry Filistina, sao ho tonga andevon'ny Hebreo ianareo, tahaka ny naha-andevonareo azy ireo. Mbà lehilahy, ka miadia."
[10]Dia niady ireo Filistina, ary resy ny Israely. Nandositra tany an-tranony avokoa ny lehilahy rehetra, ary henjana tokoa ny famonoana; fa miaramila mijoro telo alina avy amin'ny Israely no lavo. [11]Lasa ny fiaran'i Yaveh, ary maty i Hofinia sy Finehasa, zanak'i Ely roa lahy.
[12]Nisy lehilahin'i Benjamina iray nihazakazaka avy tany amin'ny filaharan'ady ka nankany Siloha tamin'io andro io ihany, tonga niaraka tamin'ny akanjony rovitra sy vovo-tany teo an-dohany. [13]Rehefa tonga izy, dia nipetraka teo amin'ny sezany teo amoron-dalana nitazana i Ely satria nangorohoro ny amin'ny fiaran'Andriamanitra ny fony. Rehefa niditra ny tanàna ilay lehilahy ary nilaza ny vaovao, dia nihiaka mafy ny tanàna iray manontolo.
[14]Rehefa ren'i Ely ny kotaban'ny hiakiaka, dia hoy izy hoe: "Inona no dikan'izao korontana izao?" Tonga faingana ilay lehilahy ary nitantara tamin'i Ely. [15]Ary valo amby sivifolo taona i Ely; pahina ny masony, ary tsy nahita izy.
[16]Hoy ilay lehilahy tamin'i Ely: "Izaho ilay iray izay avy any amin'ny laharan'ady. Nandositra ny ady aho androany." [17]Hoy Ely hoe: "Nanahoana ny fizotrany, anaka?" Namaly ilay lehilahy nitondra ny vaovao ka nanao hoe: "Nandositra an'ireo Filistina ny Israely. Ary koa, nisy faharesena goavana teo amin'ny vahoaka. Ary koa, maty Hofinia sy Finehasa, zanakao roa lahy, ary lasa ny fiaran'Andriamanitra."
[18]Rehefa nanonona ny fiaran'Andriamanitra izy, dia nidoboka nitsimbadika avy teo an-tsezany teo akaikin'ny vavahady i Ely. Tapaka ny vozony, ka maty izy, satria efa antitra sady reraka. Nitsara ny Israely nandritra ny efa-polo taona izy.
[19]Ary ny vinantovaviny, vadin'i Finehasa, dia nitoe-jaza ary efa ho teraka. Rehefa nandre ny vaovao izy fa lasa ny fiaran'Andriamanitra ary maty ny rafozan-dahiny sy ny vadiny, dia nandohalika izy ary teraka, saingy nandavo azy ny fanaintainan'ny fiterahany. [20]Tokony ho tamin'ny fotoana nahafatesany dia niteny taminy ireo vehivavy niatrika azy hoe: "Aza matahotra, fa niteraka zazalahy ianao." Saingy tsy namaly izy na nandray am-po izay nolazain'izy ireo.
[21]Nantsoiny hoe Ikaboda ny anaran'ilay zaza, fa hoy izy hoe: "Afa-boninahitra Israely!" fa lasa ny fiaran'Andriamanitra, ary nohon'ny rafozan-dahiny sy ny vadiny koa. [22]Hoy izy hoe: "Afa-boninahitra Israely, satria lasa ny fiaran'Andriamanitra."

5 [1]Ary lasan'ireo Filistina ny fiaran'Andriamanitra, ka nientin'izy ireo avy tany Ebenezera ho any Asdoda izany.
[2]Nalain'ireo filistina ny fiaran'Andriamanitra, nentiny tao an-tranon'i Dagona izany, ary napetrany teo anilan'i Dagona.
[3]Rehefa nifoha maraina ireo vahoakan'i Asdoda ny ampitso, dia indro, nianjera niankohoka tamin'ny tany teo anatrehan'ny fiaran'i Yaveh ny tavan'i Dagona. Koa dia nalain'izy ireo i Dagona ary nampiakariny teo amin'ny toerany indray.
[4]Fa rehefa nifoha maraina izy ireo ny ampitso, dia indro, nianjera niankohoka tamin'ny tany teo anatrehan'ny fiaran'i Yaveh ny tavan'i Dagona. Ny lohan'i Dagona sy ny tanany roa dia tapaka teo amin'ny varavarana. Ny vatan'i Dagona ihany sisa no nitoetra. [5]Noho izany, no antony tsy handinganan'ireo Mpisoron'i Dagona sy izay olona miditra ao an-tranon'i Dagona ny varavaran'i Dagona ao Asdoda, na mandrak'ankehitriny aza.
[6]Ny tanan'i Yaveh dia navesatra teo amin'ireo vahoakan'i Asdoda. Noringaniny sy nampahoriany tamin'ny fivontosana izy ireo, i Asdoda sy ireo faritaniny. [7]Rehefa tsapan'ny olon'i Asdoda izay nitranga, dia hoy izy ireo: "Aoka tsy hijanona eto aminay ny fiaran'ny Andriamanitr'Israely, satria ny tanany dia manohitra mafy anay sy i Dagona andriamanitray."
[8]Koa dia nampiantso izy ireo ary nanangona ireo mpanapaka ny Filisitina rehetra; hoy izy ireo taminy: "Inona no tokony hataonay amin'ny fiaran'ny Andriamanitr'Israely?" Namaly izy ireo hoe: "Aoka ho entina hiodidina an'i Gata ny fiaran'ny Andriamanitr'Israely." Koa nentin'izy ireo tany ny fiaran'ny Andriamanitr'Israely. [9]Fa rehefa avy nentin'izy ireo niodidina izany, dia nanohitra ny tanàna ny tanan'i Yaveh, ka nahatonga fifanjevona lehibe. Nampahory ireo olon'ny tanàna Izy, na kely na lehibe; ka nipoitra tamin'izy ireo ny fivontosana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Noho izany dia nalefan'izy ireo tany Ekrona ny fiaran'Andriamanitra. Fa vantany vao tonga tany Ekrona ny fiaran'Andriamanitra, dia nihiaka mafy ireo Ekronita, nanao hoe: "Nitondra ny fiaran'ny Andriamanitr'Israely ho antsika mba hamonoana antsika sy ireo olontsika izy ireo."
[11]Ka nampiantso izy ireo ary nanangona ireo mpanapaky ny Filistina rehetra; hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Hampodio ilay fiaran'ny Andriamanitr'Israely, ary avereno amin'ny toerany ihany, mba tsy hamonon'izany antsika sy ireo olontsika." Fa nisy fisavorovoroana lehibe nanerana ny tanàna; tena navesatra teo ny tanan'Andriamanitra. [12]Ireo olona izay tsy maty dia nampahoriana tamin'ny fivontosana, ary ny fitarainan'ny tanàna dia niakatra nanenika ny lanitra.

6 [1]Ary ny fiaran'i Yaveh dia tao amin'ny tanànan'ireo Filistina nandritra ny fito volana. [2]Avy eo ny vahoaka Filistina niantso an'ireo mpisorona sy ireo mpimasy; hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Inona no tokony hataonay amin'ny fiaran'i Yaveh?" Lazao anay ny fomba hamerenanay izany any amin'ny firenen'izany manokana."
[3]Hoy ireo mpisorona sy ireo mpimasy hoe: "Raha averinareo ny fiaran'ilay Andriamanitr'Israely, dia aza averina tsy miaraka amin'ny fanomezana izany; andefaso fanatitra nohon'ny heloka amin'ny fomba rehetra Izy. Dia ho sitrana ianareo, ary ho fantatrareo ny antony tsy nanalany ny tanany taminareo mandrak'ankehitriny." [4]Dia hoy izy ireo hoe: "Tokony ho inona ilay fanatitra nohon'ny heloka izay averinay aminy?" Namaly izy ireo hoe: "Fivontosana volamena dimy sy totozy volamena dimy, ny dimy dia isa mitovy amin'ny isan'ireo mpanapaky ny Filistina. Fa loza mitovy no mampahory anareo sy ireo mpanapakareo.
[5]Noho izany dia tsy maintsy manao sarin'ny fivontosanareo ianareo, ary sarin'ny totozinareo izay mandringana ny tany, ary manome voninahitra an'ilay Andriamanitr'Israely. Angamba mety hanala ny tanany aminareo Izy, amin'ireo andriamanitrareo, ary amin'ny taninareo. [6]Nahoana no tokony hanamafy ny fonareo ianareo, tahaka ny nanamafisan'ireo Egyptiana sy Farao ny fon'izy ireo? Izany dia tamin'ny namelezan'ilay Andriamanitr'Israely mafy azy ireo; moa tsy nalefan'ireo Egyptiana ve ny vahoaka, ary lasa izy ireo?
[7]Ankehitriny ary, manomàna sarety vaovao miaraka amin'ny omby vavy mampinono roa izay mbola tsy nitondra zioga mihitsy. Fatory amin'ilay sarety ireo omby, saingy ento mody ireo zanak'omby, hiala amin'izy ireo. [8]Avy eo raiso ny fiaran'i Yaveh ary ataovy ao anatin'ilay sarety izany. Apetraho anaty vata eo anilan'izany ny sarin-javatra volamena izay averinareo aminy mba ho fanatitra nohon'ny heloka. Dia alefaso izany ary avelao handeha amin'ny lalany. [9]Avy eo jereo; raha miakatra any amin'ny lalana mankany amin'ny taniny manokana any Beti-semesy izany, dia Yaveh no nanao izany loza lehibe izany. Fa raha tsy izany, dia ho fantatsika fa tsy ny tanany no nampahory antsika; fa kosa, ho fantatsika fa nitranga tsy nahy tamintsika izany."
[10]Ireo lehilahy dia nanao araka izay nolazaina tamin'izy ireo; naka omby vavy mampinono roa izy ireo, namatotra ireo teo amin'ny sarety, ary nitondra ny zanak'ombin'ireo tany an-trano. [11]Napetrak'izy ireo teo amin'ilay sarety ilay fiaran'i Yaveh, niaraka tamin'ny vata misy ilay totozy volamena sy ny sarin'ny fivontosan'izy ireo. [12]Nandeha nahitsy tany amin'ny lalana mizotra any Beti-semesy ireo omby vavy. Nandeha tamin'ny lalam-be iray ireo, nimàma teny am-pandehanana, ary tsy nivilivily na tany ankavanana na tany ankavia. Nanaraka azy ireo tany amin'ny sisin'i Beti-semesy ireo mpanapak'ireo Filistina.
[13]Ary nijinja ny varin'izy ireo teny an-dohasaha ny vahoakan'i Beti-semesy. Rehefa nanandratra ny masony izy ireo ka nahita ilay fiara, dia niravoravo.
[14]Tonga tany amin'ny sahan'i Josoa avy any amin'ny tanànan'i Beti-semesy ilay sarety ary nijanona tao. Nisy vato lehibe teo, ka namaky ny hazo tamin'ilay sarety izy ireo, ary nanolotra ireo omby vavy mba ho fanatitra dorana ho an'i Yaveh.
[15]Nampidinin'ireo Levita ny fiaran'i Yaveh sy ilay vata izay niaraka tamin'izany, izay nisy ireo sary volamena, ary napetrany teo amin'ilay vato lehibe ireo. Nanolotra fanatitra dorana sy nanao sorona ho an'i Yaveh ny androtr'io ihany ireo mponin'i Beti-semesy.
[16]Rehefa hitan'ireo mpanapaka dimin'ireo Filistina izany, dia niverina tany Ekrona ny androtr'io ihany izy ireo.
[17]Ireto avy ireo fivontosana volamena izay naverin'ireo Filistina ho fanatitra nohon'ny heloka ho an'i Yaveh: iray ho an'i Asdoda, iray ho an'i Gaza, iray ho an'i Askelona, iray ho an'i Gata, ary iray ho an'i Ekrona. [18]Ireo totozy volamena dia nitovy isa tamin'ny isan'ireo tanànan'ireo Filistina rehetra izay an'ireo mpanapaka dimy, dia ireo tanàna mimanda sy ireo zana-bohitry ny tanàna. Ilay vato lehibe, teo anilan'ilay nametrahan'izy ireo ny fiaran'i Yaveh, dia mitoetra ho vavolombelona iray ao amin'ny sahan'i Josoa ilay Beti-semesita mandrak'androany.
[19]Namely ny sasany tamin'ireo mponin'i Beti-Semesy i Yaveh satria nijery tao anatin'ilay fiaran'i Yaveh izy ireo. Namono lehilahy 50. 070 Izy. Nisaona ny vahoaka, satria namely mafy ny vahoaka Yaveh. [1][20]Hoy ireo mponin'i Beti-semesy hoe: "Iza no afaka hijoro manoloana an'i Yaveh, ity Andriamanitra masina ity? Ho amin'iza no iakaran'ilay fiara avy aty amintsika?"
[21]Naniraka mpitondra hafatra tany amin'ireo mponin'i Kiriata-Jearima izy ireo, nanao hoe: "Nentin'ireo Filistina niverina ilay fiaran'i Yaveh; midìna ary ento miverina miaraka aminareo izany."

[1]Fanamarihana: raha tokony hoe "lehilahy 50. 070," dia ireo fandikana sasany taty aoriana sy ireo dikan-teny amin'izao fotoana dia manao hoe "lehilahy fito-polo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

7 [1]Tonga ny olon'ny Kiriata Jearima, naka ny fiaran'i Yaveh, ary nitondra izany tao an-tranon'i Abinadaba tany amin'ny havoana. Nanokana an'i Eleazara zanany lahy izy ireo mba hitandrina ny fiaran'i Yaveh. [2]Nanomboka tamin'ny andro izay nitoeran'ny fiara tao Kiriata Jearima, dia taona maro no lasa, roapolo taona. Ny ankohonan'Israely rehetra dia nalahelo an'i Yaveh ka naniry hiverina amin'i Yaveh.
[3]Hoy i Samoela tamin'ny ankohonan'ny Israely manontolo hoe: "Raha miverina amin'i Yaveh amin'ny fonareo rehetra ianareo, dia esory eo aminareo ireo andriamanin-kafa sy ireo Astarta, atodiho amin'i Yaveh ny fonareo, ary Izy irery ihany tompoina, dia hamonjy anareo eo an-tanan'ireo Filistina izy." [4]Dia nanala ireo Bala sy ny Astarta ny vahoakan'ny Israely, ary nanompo an'i Yaveh irery ihany.
[5]Ary hoy Samoela hoe: "Ento ho any Mizpa ny Israely rehetra, dia hivavaka amin'i Yaveh ho anareo aho." [6]Niangona tao Mizpa izy ireo, ary nanovo rano ka nandraraka izany teo anatrehan'i Yaveh. Nifady hanina izy ireo tamin'ny izany andro izany ka nanao hoe: "Efa nanota tamin'i Yaveh isika." Tany no nanapahan'i Samoela hevitra hitsara ny fifandiran'ny vahoakan'ny Israely sy nitondrany azy.
[7]Ary rehefa ren'ireo Filistina fa niangona tao Mizpa ny vahoakan'Israely, dia nanafika ny Israely ireo mpanapaky ny Filistina. Raha nahare izany ny vahoakan'Israely, dia natahotra ireo Filistina izy ireo. [8]Ary hoy ireo vahoakan'Israely tamin'i Samoela: "Aza mitsahatra miantso an'i Yaveh Andriamanintsika ho antsika, fa hanavotra antsika eo an-tanan'ireo Filistina Izy."
[9]Dia naka zanak'ondry mbola minono i Samoela ary nanome izany manontolo mba ho fanatitra dorana ho an'i Yaveh. Ary niantso mafy an'i Yaveh ho an'ny Israely Samoela, ka namaly azy Yaveh.
[10]Ary raha mbola nanatitra ny fanatitra dorana Samoela, dia nanatona hanafika ny Israely ireo Filistina. Fa Yaveh nampikotrok'orana tamin'ny feo mafy tamin'izany andro izany hanohitra ireo Filistina ka nampifanjevo azy ireo, ary resy teo anoloan'ny Israely izy ireo. [11]Ary ny lehilahin'ny Israely niala avy any Mizpa, dia nanenjika ny Filistina ka namono azy ireo mandra-pahatongany teo ambanin'i Betikara.
[12]Avy eo dia naka vato i Samoela ary nametraka izany teo anelanelan'i Mizpa sy Sena. Nataony hoe Ebenezera ny anaran'izany, manao hoe: "Hatramin'izao no namonjen'i Yaveh antsika."
[13]Dia resy ireo Filistina ka tsy niditra teo amin'ny fari-tanin'ny Israely. Ny tanan'i Yaveh nanohitra ireo Filistina tamin'ny andron'i Samoela rehetra. [14]Ireo tanàna izay nalain'ireo Filistina tamin'ny Israely dia voaverina tamin'ny Israely, hatrany Ekrona ka hatrany Gata; niverina tamin'ny Israely koa ny faritaniny tany amin'ireo Filistina. Dia nisy fihavanana teo amin'ny Israely sy ny Amorita.
[15]Nitsara ny Israely nandritra ny androm-piainany rehetra i Samoela. [16]Isan-taona dia nandeha nivezivezy tany Betela, Gilgala, ary Mizpa izy. Nanapa-kevitra tamin'ny ady ho an'Israely teo amin'ireo toerana rehetra ireo izy. [17]Ary niverina tany Rama indray izy. satria tany ny tranony; ary tany ihany koa no nanapahany hevitra tami'ny ady ho an'ny Israely. Nanorina alitara ho an'i Yaveh tany ihany koa izy.

8 [1]Rehefa antitra i Samoela, dia nataony ho mpitsara eo amin'ny Israely ireo zanany lahy. [2]Joela no anaran'ny lahimatoany, ary Abia no anaran'ny zanany lahy faharoa. Mpitsara tao Beri-sheba izy ireo. [3]Tsy nandeha tamin'ny lalany ireo zanany lahy, fa nitady fihariana tsy marina. Nandray kolikoly izy ireo ary namadika ny rariny.
[4]Dia niara-nivory ireo loholon'ny Israely rehetra ary tonga teo amin'i Samoela tao Rama. [5]Hoy izy ireo taminy: "Indro, antitra ianao, ary tsy mandeha amin'ny lalanao ireo zanakao. Manendre mpanjaka ho anay mba hitsara anay tahaka ireo firenena rehetra."
[6]Nefa tsy nankasitrahan'i Samoela izany raha niteny izy ireo hoe: "Omeo mpanjaka izahay mba hitsara anay." Ka nivavaka tamin'i Yaveh i Samoela. [7]Hoy Yaveh tamin'i Samoela hoe: "Ankatoavy ny feon'ny vahoaka amin'ny zavatra rehetra lazain'izy ireo aminao; fa tsy ianao no nolavin'izy ireo, fa Izaho no nolaviny tsy ho mpanjakan'izy ireo.
[8]Ankehitriny izy ireo dia manao toy izay nataony hatramin'ny andro nitondrako azy ireo nivoaka avy tao Egypta, nahafoy Ahy, ary nanompo ireo andriamani-kafa, ary toy izany koa no ataon'izy ireo aminao. [9]Ankehitriny henoy izy ireo; nefa ampitandremo mafy ka ampahafantaro ny fomba hanapahan'ny mpanjaka eo amin'izy ireo."
[10]Koa dia nolazain'i Samoela tamin'ny vahoaka izay nangataka mpanjaka ireo tenin'i Yaveh rehetra. [11]Hoy izy: "Izao no ho fanaon'ny mpanjaka izay hanjaka eo aminareo. Haka ireo zanakareo lahy izy ka hanendry azy ireo ho an'ny kalesiny sy ho lasa mpitaingin-tsoavaliny, ary hiazakazaka eo alohan'ireo kalesiny. [12]Hanendry kapitenin'ny miaramila an'arivony, ary kapitenin'ny miaramila dimampolo ho azy izy. Hataony miasa ny taniny ny sasany, mijinja ny vokany ny sasany, ary hanao ny fitaovam-piadiany sy ny fitaovana ho an'ireo kalesiny ny sasany.
[13]Ireo zanakareo vavy ihany koa dia hataony mpangaroharo zava-manitra, mpahandro, ary mpanao mofo. [14]Halainy ny tsara indrindra avy amin'ny sahanareo, ireo tanim-boalobokareo, ary ireo tanin'olivanareo, ka homeny an'ireo mpanompony. [15]Halainy ny ampahafolon'ny varinareo sy ny avy amin'ireo tanim-boalobokareo ka homeny an'ireo manam-pahefany sy ireo mpanompony.
[16]Halainy ireo mpanomponareo lahy sy ireo mpanomponareo vavy ary ny tsara indrindra amin'ireo tovolahinareo sy ireo borikinareo; hataony hiasa ho azy izy rehetra. [17]Halainy ny ampahafolon'ireo ondry aman'osinareo, ka ho lasa andevony ianareo. [18]Koa amin'izany andro izany dia hitaraina nohon'ny mpanjakanareo izay nofidianareo ho an'ny tenanareo ianareo; saingy tsy hamaly anareo i Yaveh amin'izany andro izany."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[19]Kanefa nandà ny hihaino an'i Samoela ny vahoaka; hoy izy ireo: "Tsia! Tokony hisy mpanjaka eto aminay [20]mba hitovianay amin'ireo firenena hafa rehetra, ary mba hitsaran'ny mpanjakanay anay sy hivoahany eo anoloanay ka hiady ny adinay."
[21]Rehefa ren'i Samoela ireo tenin'ny vahoaka rehetra dia naveriny teo an-tsofin'i Yaveh izany. [22]Hoy i Yaveh tamin'i Samoela: "Ankatoavy ny feon'izy ireo ary ataovy tonga mpanjakan'izy ireo ny olona iray." Ka hoy Samoela tamin'ireo olon'ny Israely: "Tsy maintsy mandeha any amin'ny tanànany avy ny lehilahy tsirairay."

9 [1]Nisy lehilahy avy any Benjamina, lehilahy ambony iray. Ny anarany dia i Kisy zanaka lahin'i Abiela zanaka lahin'i Zerora zanaka lahin'i Bekorata zanaka lahin'i Afia, ilay zanaka lahina Benjamita iray. [2]Nanan-janaka lahy nantsoina hoe Saoly izy, tovolahy tsara tarehy iray. Tsy mbola nisy olona tsara tarehy noho izy teo amin'ny olon'Israely. Manomboka eo amin'ireo sorony no ho miakatra dia lava noho ny olona rehetra izy.
[3]Ary ireo ampondran'i Kisy, rain'i Saoly, dia very. Koa niteny tamin'i Saoly zanany i Kisy nanao hoe: "Makà iray amin'ireo mpanompo hiaraka aminao, mitsangàna ary mandehana mitady ireo ampondra." [4]Koa dia namakivaky ny tany havoan'i Efraima i Saoly ary nandeha tamin'ny tanin'ny Salisa, fa tsy hitan'izy ireo izany. Ary namakivaky ny tanin'i Salima izy ireo, nefa tsy tany ireo. Avy eo dia namakivaky ny tanin'ireo Benjamita izy ireo, fa tsy nahita ireo.
[5]Rehefa tonga teo amin'ny tanin'ny Zofa izy ireo, dia niteny tamin'ny mpanompony izay niaraka taminy i Saoly hoe: "Andao, andeha isika hiverina, fa mety tsy hanahy ny amin'ireo ampondra intsony ny raiko fa hanomboka hanahy ny momba antsika." [6]Fa hoy ilay mpanompo taminy hoe: "Henoy, misy lehilahin'Andriamanitra amin'ity tanàna ity. Izy dia lehilahy nomem-boninahitra; izay rehetra lazainy dia tanteraka avokoa. Andao isika ho any; mety ho afaka hilaza amintsika izay lalana tokony halehantsika amin'ny diantsika izy."
[7]Dia hoy i Saoly tamin'ny mpanompony hoe: "Fa raha mandeha isika, inona no afaka entintsika ho an'ilay lehilahy? Ny mofo anaty kitapontsika efa lany, ary tsy misy fanomezana mba ho entintsika ho an'ilay lehilahin'Andriamanitra. Inona no hananantsika?" [8]Ilay mpanompo namaly an'i Saoly ka nanao hoe: "Indro, izaho manana ampahefatry ny sekely volafotsy izay homeko an'ilay lehilahin'Andriamanitra, mba hitenenana amintsika izay lalana tokony halehantsika."
[9](Taloha tany Israely, rehefa misy lehilahy mandeha mitady ny fahalalana ny sitrapon'Andriamanitra, dia miteny izy hoe: "Andao, andeha isika ho any amin'ny mpahita." Fa mpahita no fiantsoana taloha izay antsointsika hoe mpaminany ankehitriny.) [10]Avy eo dia niteny tamin'ny mpanompony i Saoly hoe: "Tsara ny voalazanao. Andao, andeha isika handeha." Dia lasa izy ireo nankany amin'ny tanàna izay nisy ny lehilahin'Andriamanitra. [11]Ary rehefa niakatra ny havoana tao an-tanàna izy ireo, dia nahita ireo tovovavy nivoaka hitaona rano; dia hoy i Saoly sy ny mpanompony tamin'izy ireo hoe: "Eto ve ilay mpahita?"
[12]Namaly izy ireo, ka nanao hoe: "Eto izy; indro, ao aloha kelinareo ao fotsiny izy. Faingàna, fa ho tonga ao an-tanàna izy androany, satria hanao sorona eo amin'ny toerana avo ny vahoaka androany. [13]Raha vantany vao miditra ny tanàna ianareo dia hahita azy, alohan'ny hiakarany amin'ny toerana avo hihinanany. Tsy hihinana ny vahoaka mandrampiaviny, satria izy no hitso-drano ny sorona; aorian'izay dia hihinana ireo izay nasaina. Koa miakara izao, fa hahita azy avy hatrany ianareo."
[14]Dia niakatra ho any amin'ny tanàna izy ireo. Ary raha vao niditra ny tanàna izy ireo, dia nahita an'i Samoela niseho taminy, mba handeha hiakatra any amin'ny toerana avo.
[15]Ary ny andro talohan'ny nahatongavan'i Saoly, dia nanambara tamin'i Samoela i Yaveh hoe: [16]"'Rahampitso amin'izao ora izao dia handefa lehilahy iray avy amin'ny tanin'ny Benjamina aminao Aho, ary hanosotra azy ho andriana eo amin'ny Israely vahoakako ianao. Hamonjy ny vahoakako amin'ny tanan'ireo Filistina izy. Fa efa nijery ny vahoakako tamin'ny fangorahana aho satria ny antso vonjin'izy ireo dia tonga taty Amiko."
[17]Rehefa hitan'i Samoela i Saoly, dia niteny taminy i Yaveh hoe: "Inty ilay lehilahy nambarako anao! Izy ilay olona izay hanapaka ny vahoakako." [18]Avy eo i Saoly dia nanatona an'i Samoela teo amin'ny vavahady ary nanao hoe: "Mba lazao ahy hoe aiza no misy ny tranon'ilay mpahita?" [19]Namaly an'i Saoly i Samoela ka nanao hoe: "Izaho ilay mpahita. Miakara ho amin'ny toerana avo mialoha ahy, fa androany dia hiara-mihinana amiko ianao. Avelako handeha ianao amin'ny maraina, ary holazaiko anao izay rehetra ao an-tsainao.
[20]Raha ny amin'ireo ampondranao izay very telo andro lasa izay, dia aza manahy ny amin'izany, fa efa hita izany. Ary napetraka tamin'iza ireo fanirian'Israely rehetra? Tsy ho aminao sy ho amin'ny ankohonan-drainao rehetra ve?" [21]Namaly i Saoly ka niteny hoe: "Fa tsy Benjamita ve aho, avy amin'ny foko kely indrindran'Israely? Tsy ny fianakaviambeko ve no farany indrindra amin'ireo fianakaviambe rehetra ao amin'ny fokon'ny Benjamina? Koa nahoana no izany fomba izany no niresahanao tamiko?"
[22]Ary noraisin'i Samoela i Saoly sy ny mpanompony, ka nentiny tany an'efitrano, ary napetrany teo amin'ny fitoerana voalohany ho an'izay voaasa izy ireo, izay tokony ho olona telopolo eo ho eo.
[23]Hoy i Samoela tamin'ny mpahandro hoe: "Ento ilay anjara izay nomeko anao, izay nilazako taminao hoe, 'Atokano ity.'"
[24]Koa nalain'ny mpahandro ny fe sy izay teo aminy ary napetrany teo anoloan'i Saoly. Ary hoy i Samoela hoe: "Indro izay voatokana dia efa napetraka teo anoloanao. Hano io, satria voatokana ho anao mandra-pahatongan'ny fotoana voatendry, tamin'ny fotoana nilazako hoe, 'Efa nanasa ny olona aho.'" Dia niara-nihinana tamin'ny Samoela i Saoly tamin'io andro io.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[25]Rehefa tafidina avy teny amin'ny toerana avo ho amin'ny tanàna izy ireo, dia niresaka tamin'i Saoly teo an-tampon-trano i Samoela. [26]Ary vao mangiran-dratsy, dia niantso an'i Saoly teo an-tampon-trano i Samoela ka niteny hoe: "Miarena, mba hahafahako mandefa anao any amin'ny lalanao." Dia nifoha i Saoly, ary samy nandeha nivoaka ho eny an-dalana izy sy i Samoela.
[27]Ary rehefa nandeha manodidina ny tanàna izy ireo, dia hoy i Samoela tamin'i Saoly: "Lazao ny mpanompo mba handeha hialoha antsika"—dia nandeha teo aloha izy—"fa tsy maintsy mijanona eto fotoana vitsy ianao, mba hilazako aminao ny hafatr'Andriamanitra."

10 [1]Dia naka ny tavoara misy ny diloilo i Samoela, nandraraka izany teo ambony lohan'i Saoly, ary nanoroka azy. Hoy izy hoe: "Moa ve Yaveh tsy efa nanosotra anao ho mpanapaka ny lovany? [2]Rehefa handao ahy ianao anio, dia hahita lehilahy anankiroa eo akaikin'ny fasan-dRahely, ao amin'ny faritanin'i Benjamina ao Zelza. Hiteny aminao izy ireo hoe: 'Ireo boriky izay notadiavinao dia efa hita. Ankehitriny ny razambenao dia nitsahatra tsy niahiahy ny amin'ireo boriky ary dia manahy ny momba anao, miteny hoe: "Inona no tokony hataoko mahakasika ny zanako lahy?"'
[3]Dia handeha lavidavitra kokoa avy any ianao, ary ho tonga eo amin'ny hazo terebintan'i Tabara. Hihaona amin'ny lehilahy telo mandeha ho any amin'Andriamanitra any Betela ianao, ny iray mitondra zanak'osy telo, ny hafa mitondra mofo telo, ary ny hafa mitondra sinin-divay hoditra. [4]Hiarahaba anao izy ireo ary hanome mofo roa anao, izay halainao avy eo an-tanan'izy ireo.
[5]Aorian'izany, dia hiverina ho eo amin'ny havoan'Andriamanitra ianao, izay misy ny miaramilan'ny Filistina. Rehefa tonga ao amin'ilay tanàna ianao, dia hihaona amin'ny andiana mpaminany hidina avy any amin'ny toerana avo miaraka amin'ny lokanga, amponga tapaka, sodina, ary valiha eo alohan'izy ireo; haminany izy ireo. [6]Ny Fanahin'i Yaveh hilatsaka eo aminao, ary haminany miaraka amin'izy ireo ianao, ka hiova ho lehilahy hafa.
[7]Ary rehefa tonga aminao ireo famantarana ireo, dia ataovy izay rehetra hitan'ny tananao fa tokony ho atao, satria Andriamanitra momba anao. [8]Midìna eo mialoha ahy ho any Gilgala. Dia hidina any aminao aho hanolotra ireo fanatitra dorana ary hanao sorona fanati-pihavanana. Miandrasa fito andro mandra-pandehanako ho eo aminao ary hampisehoako aminao izay tokony hataonao."
[9]Rehefa nitodi-damosina handao an'i Samoela i Saoly, dia nomen'Andriamanitra azy ny fo vaovao. Dia tonga ireo famantarana rehetra ireo tamin'izany andro izany. [10]Rehefa tonga teny amin'ny havoana izy ireo, dia nisy andiana mpaminany nihaona taminy, ary ny Fanahin'Andriamanitra nidina teo aminy ka naminany niaraka tamin'izy ireo izy.
[11]Rehefa nahita azy niaraka tamin'ireo mpaminany ny olona rehetra izay nahalala azy teo aloha, dia nifampiteny ny olona hoe: "Inona no nahazo ny zanaka lahin'i Kisy? Anisan'ny iray amin'ireo mpaminany koa ve i Saoly? [12]Nisy lehilahy nipetraka teo amin'io toerana io namaly hoe: "Dia iza no rain'izy ireo?" Noho izany, dia lasa fiteny ny hoe: "Anisan'ireo mpaminany ihany koa ve i Saoly?" [13]Rehefa nahavita ny faminaniana izy dia nankany amin'ny fitoerana avo.
[14]Dia hoy ny dadatoan'i Saoly taminy sy ny mpanompony hoe: "Taiza no nalehanareo?" Namaly izy hoe: "Nitady ireo boriky. Rehefa hitanay fa tsy nety hitanay ireo, dia nankany amin'i Samoela izahay." [15]Hoy ny dadatoan'i Saoly hoe: "Mba teneno amiko re izay nolazain'i Samoela taminareo." [16]Namaly ny rahalahin-drainy i Saoly hoe: "Niteny taminay mazava tsara izy fa efa hita ireo boriky." Fa tsy nilaza taminy ny momba ilay resaka fanjakana, izay efa nolazain'i Samoela izy.
[17]Dia nantsoin'i Samoela hiaraka teo anoloan'i Yaveh tao Mizpa ireo vahoaka. [18]Hoy izy tamin'ireo olon'Israely hoe: "Izao no zavatra nolazain'i Yaveh, Andriamanitry ny Israely: 'Namoaka ny Israely hiala avy tao Egypta Aho ary nanavotra anareo teo amin'ny tananan'ireo Egyptiana, ary tamin'ny tanan'ireo fanjakana rehetra izay nampahory anareo.' [19]Fa ankehitriny nandà ny Andriamanitrareo, izay nanavotra anareo tamin'ireo loza sy fahorianareo rehetra ianareo; ary nilaza taminy ianareo hoe: 'Mametraha mpanjaka eo aminay.' Ankehitriny atolory eo anoloan'i Yaveh araka ireo fokonareo sy ireo vondronareo ny tenanareo."
[20]Dia nanakaiky an'i Samoela ireo fokon'Israely rehetra, ary ny fokon'i Benjamina no voafidy. [21]Avy eo dia nentiny nanakaiky ny vondron'izy ireo ny fokon'i Benjamina; ary ny fokon'ny Matrita no voafidy, ary Saoly zanaka lahin'i Kisy dia voafidy. Fa rehefa nandeha nitady azy izy ireo, dia tsy nety hita izy.
[22]Ary ny olona dia te-hametra-panontaniana bebe kokoa tamin'Andriamanitra hoe: "Mbola misy lehilahy hafa ho avy ve?" Yaveh namaly hoe: "Nanafina ny tenany eo amin'ireo entana izy." [23]Dia nihazakazaka izy ireo ary naka an'i Saoly avy tao. Rehefa nitsangana teo amin'ireo olona izy, dia lava mihoatra ny olona rehetra avy eo an-tsorony no ho miakatra izy.
[24]Dia hoy Samoela tamin'ireo olona hoe: "Hitanareo ve ilay lehilahy izay efa voafidin'i Yaveh? Tsy misy olona tahaka azy eo amin'ny vahoaka rehetra!" Ny olona rehetra niantsoantso hoe: "Ho ela velona ny mpanjaka!"
[25]Dia nilaza tamin'ny vahoaka ireo fomba sy ireo fitsipiky ny fanjakana i Samoela, nanoratra ireo tao anaty boky, ary nametraka izany teo anatrehan'i Yaveh. Avy eo dia nalefan'i Samoela ny vahoaka rehetra, ho any amin'ny tranony avy.
[26]Nody tany an-tranony tao Gibea ihany koa i Saoly, ary niaraka tamin'ireo lehilahy matanjaka sasany, izay nokasihin'Andriamanitra ny fony. [27]Fa ny sasany tamin'ireo olona tsy misy dikany nanao hoe: "Ahoana no hahafahan'io lehilahy io manavotra anay?" Nanaraby an'i Saoly ireo olona ireo ary tsy mba nitondra fanomezana ho azy. Fa nangina kosa i Saoly. [1]

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: ny sasany amin'ireo dikan-teny vaovao dia manampy izao andalana manaraka izao amin'ity andininy ity: "Nahasy mpanjakan'ny Amonita dia nampahory mafy ireo Gadita sy ireo Reobenita. Noloarany ny maso ankavanan'ny olona tsirairay ary tsy namela an'iza na iza hanavotra an'Israely izy. Nanerana ny reniranon'i Jordana dia tsy nisy Israelita tavela ka tsy noloaran'i Nahasy mpanjakan'ny Amonita ny masony ankavanana. Fa olona fito arivo no nandositra an'ireo Amonita ary nankany Jabesy Gileada."

11 [1]Avy eo Nahasy Amonita nandeha ary nitoby tany Jabesi-Gileada. Hoy ny olon'i Jabesy rehetra tamin'i Nahasy hoe: "Manaova fanekena miaraka aminay, dia hanompo anareo izahay." [2]Dia namaly i Nahasy Amonita hoe: "Amin'izao fepetra izao no hanaovako fifanekena aminareo, dia ny hipotsirako ny maso ankavananareo rehetra, ary izany no fomba hitondrana fahafaham-baraka eo amin'Israely rehetra."
[3]Ary ny loholon'i Jabesy namaly azy hoe: "Avelao irery mandritra ny fito andro izahay, mba hahafahanay mandefa iraka mankany amin'ny fari-tanin'Israely rehetra. Ary, raha tsy misy na iray aza hamonjy anay, dia hitolo-batana aminareo izahay."
[4]Dia tonga tany Gibea, izay nitoeran'i Saoly ireo iraka, ary nilaza izay zava-nitranga tamin'ny vahoaka. Dia nitomany mafy ny vahoaka rehetra. [5]Ary nanaraka ireo omby avy tao an-tsaha i Saoly. Hoy i Saoly: "Inona no mahazo an'ireo vahoaka ka mampitomany azy ireo?" Dia noresahin'izy ireo tamin'i Saoly izay nolazain'ny lehilahin'i Jabesy.
[6]Rehefa ren'i Saoly izay nolazain'izy ireo, dia nilatsaka teo aminy ny Fanahin'Andriamanitra, ka tezitra mafy izy. [7]Naka ziogan'omby iray izy, ka nokapakapainy, ary nalefany nanerana ny Israely rehetra niaraka tamin'ireo iraka ireo. Hoy izy: "Izay rehetra tsy hivoaka hanaraka an'i Saoly sy Samoela, dia toy ireny no hanaovana ny ombiny." Ary nilatsaka tamin'ny vahoaka ny horohoron'i Yaveh, ka niara-nivoaka toy ny olona iray izy ireo. [8]Rehefa namory azy ireo tany Bezeka izy, dia dia nisy telo hetsy ny vahoakan'Israely, ary ny olon'ny Joda dia telo alina.
[9]Hoy izy ireo tamin'ireo iraka izay tonga: "Hilaza amin'ny olon'ny Jabesi-Gileada ianareo hoe: 'Rahampitso, amin'ny fotoana mampahamay ny masoandro, dia ho voavonjy ianareo.'" Koa nandeha ireo iraka ary nilaza tamin'ny olon'i Jabesy, ary faly izy ireo. [10]Dia hoy ny olon'i Jabesy tamin'i Nahasy: "Hitolo-batana aminao izahay rahampitso, dia afaka ataonao aminay izay hitanao fa mety aminao."
[11]Ny ampitso dia napetrak'i Saoly tao anaty vondrona telo ny vahoaka. Dia nankeo afovoan'ny toby tamin'ny fiambenana maraina izy ireo, ary nanafika izy ireo ka naharesy ireo Amonita mandra-pahamay ny andro. Ireo izay mbola velona dia naely, mba tsy hisian'ny roa hiara-tavela.
[12]Dia hoy ny vahoaka tamin'i Samoela: "Iza ilay niteny hoe: 'Hanjaka eto amintsika ve i Saoly?' Ento ireo olona, mba hahafahantsika mamono azy ireo." [13]Fa hoy i Saoly: "Aoka mba tsy hisy ho faty na iray aza amin'ity andro ity, satria nanavotra an'Israely Yaveh androany."
[14]Avy eo dia hoy i Samoela tamin'ny vahoaka: "Andao, andeha isika handeha any Gilgala ary hanavao ny fanjakana any indray." [15]Koa nandeha tany Gilgala ny vahoaka rehetra ary nanao an'i Saoly ho mpanjaka teo anatrehan'i Yaveh tany Gilgala. Tany no nanaovan'izy ireo sorona fanati-pihavanana teo anatrehan'i Yaveh, ary Saoly sy ireo lehilahin'Israely dia feno hafaliana tanteraka.

12 [1]Hoy i Samoela tamin'ny Israely rehetra: "Efa nihaino ny zavatra rehetra nolazainareo tamiko aho, ary efa nanendry mpanjaka teo aminareo. [2]Ankehitriny, indro mandeha eo anoloanareo ny mpanjaka; ary efa antitra sy fotsy volo aho; ary, ireo zanako dia eo aminareo. Efa nandeha teo anatrehanareo hatramin'ny fahatanorako ka mandrak'androany aho.
[3]Inty aho; mijoroa vavolombelona hanohitra ahy eo anatrehan'i Yaveh sy eo anatrehan'ilay voahosony. Ombin'iza no efa nalaiko? Ampondran'iza no efa nalaiko? Iza no efa nambakaiko? Iza no efa nampijaliako? Avy tamin'ny tanan'iza no efa nandraisako kolikoly mba hahatampina ny masoko? Mijoroa vavolombelona hanohitra ahy, fa haveriko aminareo izany."
[4]Hoy izy ireo hoe: "Tsy namitaka anay ianao, tsy nampijaly anay, na naka na inona na inona avy teo an-tanan'olona." [5]Dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Yaveh no vavolombelona aminareo, ary ilay voahosony no vavolombelona androany, fa tsy nahita na inona na inona teo an-tanako ianareo." Izy ireo namaly hoe: "Yaveh no vavolombelona."
[6]Hoy i Samoela tamin'ireo vahoaka hoe: "Yaveh no nanendry an'i Mosesy sy Arona, ary nitondra ny razambenareo niakatra avy tao amin'ny tany Egypta. [7]Koa ankehitriny, atolory ny tenanareo, mba hahafahako mifandahatra aminareo eo anatrehan'i Yaveh mahakasika ireo asa marin'i Yaveh, izay nataony ho anareo sy ny razambenareo.
[8]Rehefa tonga tany Egypta i Jakoba, ary nitaraina tamin'i Yaveh ireo razambenareo, dia nandefa an'i Mosesy sy i Arona i Yaveh, izay nitarika ireo razambenareo hivoaka an'i Egypta ary nonina tamin'ity toerana ity izy ireo. [9]Fa izy ireo nanadino an'i Yaveh Andriamaniny; ka nivarotra azy ireo teo an-tanan'i Sisera, mpitarika ireo tafik'i Hazora izy, teo an-tanan'ireo Filistina, ary teo an-tanan'ny mpanjakan'i Moaba; ireo rehetra ireo no niady tamin'ny razambenare.
[10]Nitaraina tamin'i Yaveh izy ireo ary nanao hoe: 'Efa nanota izahay, satria nahafoy an'i Yaveh ary efa nanompo an'ireo Bala sy ireo Astarta. Fa ankehitriny manafaha anay eo an-tanan'ireo fahavalonay, dia hanompo anao izahay.' [11]Noho izany dia naniraka an'i Jerobala, Bedana, Jefta, ary Samoela i Yaveh, ary nanome fandresena anareo teo amin'ireo fahavalonareo rehetra manodidina anareo, ka nahafahanareo niaina am-pilaminana.
[12]Rehefa hitanareo fa avy hanohitra anareo i Nahasa mpanjakan'ny vahoakan'i Amona, dia hoy ianareo tamiko hoe: 'Tsia! Fa aoka, ho mpanjaka kosa no hanjaka eto aminay'—kanefa Yaveh Andriamanitrareo, no mpanjakanareo. [13]Indro ankehitriny ny mpanjaka izay nosafidinareo, izay nangatahinareo, ary izay notendren'i Yaveh ho mpanjaka eo aminareo anio.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Raha matahotra an'i Yaveh ianareo, dia manompoa Azy, ankatoavy ny feony, ary aza mikomy hanohitra ny didin'i Yaveh, ary samy ho mpanaraka an'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo sy ny mpanjaka izay manjaka eo aminareo. [15]Fa raha tsy mankatò ny feon'i Yaveh ianareo, fa mikomy manohitra ireo didin'i Yaveh, dia hamely anareo ny tanan'i Yaveh, tahaka ny namelezana ireo razambenareo.
[16]Koa mitsangàna ankehitriny ary jereo izao zavatra lehibe izay hataon'i Yaveh eto imasonareo izao. [17]Moa ve tsy fotoam-pijinjana vary tritrika izao? Hiantso an'i Yaveh aho, mba handefasany kotroka sy orana. Dia ho fantatrareo sy ho hitanareo fa lehibe ny haratsiam-panahinareo, izay nataonareo teo imason'i Yaveh, tamin'ny alalan'ny fangatahanareo mpanjaka." [18]Koa dia niantso an'i Yaveh i Samoela; ary tamin'izany andro izany ihany dia nandefa oram-baratra i Yaveh. Ary dia natahotra mafy an'i Yaveh sy i Samoela ny vahoaka rehetra.
[19]Dia hoy ireo vahoaka rehetra tamin'i Samoela hoe: "Mivavaha ho an'ireo mpanomponao amin'i Yaveh Andriamanitrao, mba tsy ho faty izahay. Satria efa nanampy ny fahotanay rehetra tamin'izao zava-dratsy izao tamin'ny alalan'ny fangatahana mpanjaka izahay." [20]Dia namaly Samoela hoe: "Aza matahotra. Efa nanao izao ratsy rehetra izao ianareo, kanefa aza miala amin'i Yaveh, fa manompoa an'i Yaveh amin'ny fonareo manontolo. [21]Aza mivily manaraka ireo zava-poana izay tsy mahasoa na mahavonjy anareo, satria dia tsy misy ilàna azy ireo.
[22]Fa nohon'ny anarany lehibe, dia tsy handà ny olony i Yaveh, satria mahafaly an'i Yaveh ny hanao anareo ho vahoakany.
[23]Raha ny amiko, dia sanatriaviko ny hanota amin'i Yaveh amin'ny fitsaharana ny hivavaka ho anareo. Fa kosa hampianatra anareo ny lalana izay tsara sy marina aho.
[24]Yaveh ihany hatahorana ary manompoa Azy amin'ny fahamarinana amin'ny fonareo manontolo. Hevero ireo zava-dehibe izay efa nataony taminareo. [25]Fa raha mikiry ny hanao ratsy ianareo, dia samy ho ringana ianareo sy ny mpanjakanareo."

13 [1]Telopolo taona i Saoly no nanomboka nanjaka; rehefa nanjaka efapolo taona teo amin'Israely izy, [2]dia nifantina lehilahy telo arivo teo amin'Israely. Roa arivo no niaraka taminy tany Mikmasy sy tany amin'ny havoan'ny tanànan'i Betela, raha ny arivo kosa niaraka tamin'i Jonatana tany Gibean'i Benjamina. Ireo miaramila sisa tavela dia nalefany nody, ny lehilahy tsirairay samy ho any an-dainy avy.
[3]Nandresy ny toby miaramilan'ny Filistina i Jonatana izay tany Geba ary nandre izany ireo Filistina. Dia nitsoka trompetra nanerana ny tany rehetra i Saoly, niteny hoe: "Aoka handre ireo Hebreo." [4]Ren'ny Israely rehetra fa i Saoly dia nandresy ny miaramilan'ny Filistina, ary ny Israely ihany koa dia tonga fofona lo ho an'ireo Filistina. Ary ireo miaramila dia nampiantsoina hivondrona hanaraka an'i Saoly any Gilgala.
[5]Niara-nivondrona ireo Filistina mba hiady hanohitra ny Israely: kalesy telo arivo, lehilahy enina arivo hitondra ireo kalesy, ary antoko maro an'isa toy ny fasika eny amoron-dranomasina. Niakatra izy ireo ary nitoby tany Mikmasy, atsinanan'i Betavena.
[6]Rehefa hitan'ireo lehilahin'Israely fa nisavoritaka izy ireo—fa ory ny vahoaka, dia niafina tao amin'ireo zohy, tao amin'ny kirihitr'ala, tao amin'ireo haram-bato, tao amin'ny famorian-drano, ary tao anaty lavaka ny vahoaka. [7]Ny sasany tamin'ireo Hebreo niampita an'i Jordana ho any amin'ny tanin'i Gada sy Gileada. Fa i Saoly kosa mbola tany Gilgala, ary ny vahoaka rehetra nanaraka azy tamim-pangovitana.
[8]Niandry nandritra ny fito andro izy, ny fotoana izay nomen'i Samoela. Fa Samoela tsy tonga tany Gilgala, ary ny vahoaka dia niparitaka niala teo amin'i Saoly. [9]Hoy Saoly: "Ento aty amiko ny fanatitra dorana sy ny fanati-pihavanana." Dia natolony ny fanatitra dorana. [10]Vantany vao voatolony ny fanatitra dorana dia tonga i Samoela. Nivoaka nitsena sy niarahaba azy i Saoly.
[11]Ary hoy Samoela: "Inona ny nataonao?" Namaly i Saoly hoe: "Rehefa hitako fa niala tamiko ny vahoaka, ary tsy tonga teto amiko tamin'ny fotoana nomena ianao, ary ireo Filistina efa niangona tany Mikmasy, [12]dia hoy aho hoe: 'Ankehitriny ireo Filistina dia hidina hanohitra ahy ao Gilgala, ary izaho tsy nitady ny fankasitrahan'i Yaveh.' Koa nanery ny tenako hanolotra ny fanatitra dorana aho."
[13]Ary hoy Samoela tamin'i Saoly: "Nanao adalana ianao. Tsy nitandrina ny didin'i Yaveh Andriamanitrao izay nomeny anao ianao. Fa tamin'izany no nametrahan'i Yaveh ny fanapahanao eo amin'Israely mandrakizay. [14]Fa ankehitriny dia tsy hitohy ny fanapahanao. Nitady lehilahy iray araka ny fony ihany Yaveh, ary Yaveh nanendry azy ho andriana eo amin'ny vahoakany, satria tsy nankatoa izay nandidiany anao ianao."
[15]Avy eo dia nanainga i Samoela ka niakatra avy any Gilgala ho any Gibean'ny Benjamina. Ary Saoly nanisa ny vahoaka izay tonga niaraka taminy teo, teo ho eo amin'ny enin-jato lahy teo. [16]Saoly, Jonatana zanany lahy, ary ny vahoaka izay tonga niaraka tamin'izy ireo, dia nitoetra tao Gibean'ny Benjamina. Fa ireo Filistina kosa nitoby tany Mikmasy.
[17]Nivoaka avy tao amin'ny tobin'ireo Filistina tamin'ny vondrona telo ireo mpanafika. Ny vondrona iray nankany Ofra, any amin'ny tanin'i Soala. [18]Ny vondrona iray hafa nankany Beti-horona, ary ny vondrona iray hafa nankany amin'ny sisin-tany izay hahatazanana ny Lohasahan'i Zeboima manatrika ny tany efitra.
[19]Tsy nahitana mpanefy nanerana ny Israely rehetra, satria hoy ireo Filistina: "Raha tsy izany ireo Hebreo dia hanamboatra sabatra na lefona ho azy ireo." [20]Fa ireo lehilahin'Israely rehetra dia efa zatra nidina nankany amin'ireo Filistina, ny tsirairay mba handranitra ny tendron'angadiny, ny fihadian-taniny, ny famakiny, ary ny antsim-bilony. [21]Ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

sarany dia roa ampahatelon'ny sekely ny tendron'angady, sy ny fihadian-tany, ary iray ampahatelon'ny sekely ny fandranitana ny famaky sy ny fanitsiana ny fanindronana.
22 Koa tamin'ny andron'ny ady, dia tsy nahitana sabatra na lefona teo an-tanan'ireo miaramila izay niaraka tamin'i Saoly sy
Jonatana; i Saoly sy Jonatana zanany ihany no nanana an'izany. 23 Ireo miaramilan'ny Filistina dia nivoaka nankany
amin'ny lalan'i Mikmasy.

14 1 Indray andro, i Jonatana zanak'i Saoly niteny tamin'ilay zatovo mpitondra ny fiadiany hoe: "Andao, andeha isika
hiampita eny amin'ny toby miaramilan'ny Filistina eny ampita." Nefa tsy nolazainy ny rainy.
2 Nipetraka teo amin'ny manodidina an'i Gibea ambanin'ny hazon'ampongamben-danitra izay tao Migrona i Saoly. Teo ho
eo amin'ny lehilahy eninjato teo no niaraka taminy, 3 anisan'izany Ahia, zanak'i Ahitoba (rahalahin'i Ikaboda) zanak'i
Finehasa zanak'i Ely, ilay mpisoron'i Yaveh tao Silo, izay niakanjo efoda. Tsy fantatry ny vahoaka hoe lasa i Jonatana.
4 Teo amin'ny lafy tsirairay amin'ny fitàna izay nirian'i Jonatana handehanana mba hankanesana any amin'ireo
miaramilan'ny Filistina, dia nisy haram-bato teo amin'ny andaniny ary haram-bato hafa teo amin'ny ankilany. Ny
harambato iray nantsoina hoe Bozeza ary ny harambato iray hafa nantsoina hoe Sene. 5 Ny haram-bato iray nijoro teo
avaratra nanoloana an'i Mikmasy, ary ilay hafa teo atsimo teo anoloan'i Geba.
6 Hoy Jonatana tamin'ilay zatovo mpitondra ny fiadiany: "Andao, andeha isika hiampita eny amin'ny miaramilan'ireo
namana tsy voafora ireo. Angamba Yaveh mba hiasa ho antsika, fa tsy misy na inona na inona mahasakana an'i Yaveh
amin'ny famonjena amin'ny maro na amin'ny olona vitsy." 7 Namaly ny mpitondra ny fiadiany hoe: "Ataovy ny zavatra
rehetra izay ao am-ponao. Mandrosoa, indro, miaraka aminao aho, mba hankatoa ireo baikonao rehetra."
8 Dia hoy Jonatana hoe: "Hiampita ho eny amin'ireo lehilahy isika, ary hiseho eo amin'izy ireo. 9 Raha miteny amintsika izy
ireo hoe: "Miandrasa eny mandra-pahatonganay eny aminareo'—dia hijanona eo amin'ny toerantsika isika ka tsy
hiampita eny amin'izy ireo. 10 Kanefa raha mamaly izy ireo hoe: 'Mankanesa aty aminay', dia hiampita isika; satria efa
natolotr'i Yaveh ho eo an-tanantsika izy ireo. Izany no ho famantarana ho antsika."
11 Koa samy niseho teo amin'ny toby miaramilan'ny Filistina izy ireo. Hoy ireo Filistina: "Indro, mivoaka avy ao amin'ireo
lavaka izay nanafenan'izy ireo ny tenany ireo Hebreo." 12 Dia niantso an'i Jonatana sy ny mpitondra ny fiadiany ireo
lehilahin'ny miaramila, ka nanao hoe: "Miakàra aty aminay, dia hampisehoanay zavatra ianareo." Hoy Jonatana tamin'ny
mpitondra ny fiadiany: "Manaraha ahy avy ao aoriana, satria efa natolotr'i Yaveh eo an-tanan'ny Israely izy ireo."
13 Nihanika tamin'ny tanany sy tongony i Jonatana, ary nanaraka tao aoriany ny mpitondra ny fiadiany. Novonoina teo
anoloan'i Jonatana ireo Filistina, ary ny mpitondra ny fiadiany namono ny sasany tao aoriany. 14 Izany fanafihana
voalohany izay nataon'i Jonatana sy ny mpitondra ny fiadiany izany, dia nahafaty tokony ho lehilahy roapolo tao amin'ny
faritry ny atsasa-hektara.
15 Nisy savoritaka lehibe tao an-toby, tany an-tsaha, sy teo amin'ireo vahoaka. Na dia ny miaramila sy ireo mpanafika aza
dia natahotra. Nihovitrovitra ny tany, ary nisy tahotra lehibe.
16 Ary ireo mpitilin'i Saoly tany Gibean'ny Benjamina nijery; niparitaka ny vahoakan'ny miaramila Filistina, ary nanketsy
sy nankeroa izy ireo. 17 Dia hoy Saoly tamin'ny vahoaka izay niaraka taminy: "Isao ary jereo izay tsy eto ny avy amintsika."
Rehefa nanisa izy ireo, dia i Jonatana sy ny mpitondra ny fiadiany no tsy teo.
18 Hoy Saoly tamin'i Ahia: "Ento aty ny fiaran'Andriamanitra," fa tany amin'ny vahoakan'ny Israely izany tamin'izany
fotoana izany. 19 Raha mbola niresaka tamin'ny mpisorona i Saoly, dia nitohy sy nitombo ny tabataba tao an-tobin'ny
Filistina. Dia hoy Saoly tamin'ny mpisorona: "Ahemory ny tananao."
20 Nivondrona ary nandeha tany an'ady i Saoly sy ny vahoaka rehetra izay niaraka taminy. Ny sabatry ny Filistina tsirairay
dia namely ny mpiray tanàna taminy, ary nisy fifanjevoana lehibe tokoa. 21 Ary ireo Hebreo izay niaraka tamin'ireo
Filistina taloha ireo, sy izay nandeha niaraka tamin'izy ireo tany an-toby aza dia mba nikambana tamin'ireo Israelita izay
niaraka tamin'i Saoly sy Jonatana.
22 Rehefa ren'ny olon'Israely rehetra izay niafina tany amin'ireo havoana akaikin'i Efraima fa nandositra ireo Filistina, dia
nenjehin'izy ireo hatrany an'ady ireo. 23 Koa tamin'izany andro izany dia nanavotra ny Israely i Yaveh, ary nihoatra
hatrany Betavena ny ady.
24 Ory ny olon'ny Israely tamin'izany andro izany satria i Saoly nametraka ny vahoaka tao ambany fianianana ary nanao
hoe: "Voaozona ny olona izay mihinana sakafo mandra-pahariva ary izaho dia hamaly faty eo amin'ireo fahavaloko." Dia
tsy nisy olona avy ao amin'ny antoko nanendry sakafo. 25 Ary niditra tao an'ala ny vahoaka rehetra ary nisy tantely teo
amin'ny tany. 26 Rehefa niditra tao an'ala ny vahoaka, dia nikoriana ny tantely, nefa tsy nisy olona nanao ny tanany tao am-
bavany satria natahotra ny fianianana ny vahoaka.
27 Nefa tsy ren'i Jonatana fa namatotra ny vahoaka tamin'ny fianianana ny rainy. Dia nanandratra ny tendron'ny tehiny
izay teny an-tanany izy ary nanatsoboka izany tao amin'ny tohon-tantely. Nampiakatra ny tanany teo am-bavany izy, ka
nazava ny masony. 28 Ary ny iray tamin'ny vahoaka, namaly hoe: "Novesaran'ny rainao tamin'ny fianianana henjana tokoa
ny vahoaka, tamin'ny nilazany hoe: 'Voaozona ny olona izay mihinana sakafo amin'ity andro ity', na dia malemin'ny
hanoanana aza ny vahoaka."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[29]Dia hoy Jonatana: "Nanakorontana ny tany ny raiko. Jereo fa lasa nazava ny masoko satria nanandrana kely tamin'ity tantely ity aho. [30]Mainka raha nihinana am-palalahana tamin'izay voaroba tamin'ireo fahavalon'izy ireo izay hitany androany ny olona? Satria tsy lehibe teo amin'ireo Filistina ny famonoana ankehitriny."
[31]Tamin'io andro io dia nanafika ireo Filistina nanomboka tao Mikmasy hatrany Aialona izy ireo. Reraka tanteraka ny vahoaka. [32]Nihazakazaka fatratra tamin'ireo voaroba ny vahoaka ka naka ondry, omby sy zanak'omby, ary namono ireo teo amin'ny tany. Nihinana izany niaraka tamin'ny rà ny vahoaka.
[33]Dia hoy izy ireo tamin'i Saoly: "Indro, nanota tamin'i Yaveh tamin'ny fihinanana niaraka tamin'ny rà ny vahoaka." Hoy i Saoly: "Nanao izay tsy mahatoky ianareo. Ankehitriny, manakodiava vato lehibe eto ho ahy." [34]Hoy i Saoly: "Mivoaha avy eo amin'ny vahoaka, ary lazao azy ireo hoe: 'Aoka ny olona tsirairay hitondra ny ombiny sy ny ondriny, vonoy eto ireo, ary hano. Aza manota amin'i Yaveh amin'ny fihinanana miaraka amin'ny rà.'" Koa ny tsirairay tamin'ny vahoaka dia nitondra ny ombiny niaraka taminy io alina io ary namono izany teo.
[35]Nanamboatra alitara ho an'i Yaveh i Saoly, izay alitara voalohany namboariny ho an'i Yaveh.
[36]Dia hoy Saoly: "Andeha isika hanenjika ireo Filistina rahalina ary handroba azy ireo mandra-maraina; andeha tsy avelantsika hisy ho velona na dia iray amin'izy ireo aza." Namaly izy ireo hoe: "Ataovy ny zavatra rehetra izay mety ho tsara aminao." Nefa hoy ny mpisorona: "Andeha isika hanatona an'Andriamanitra eto." [37]Nanontany an'Andriamanitra i Saoly hoe: "Tokony hanenjika ireo Filistina ve aho?" Hanolotra azy ireo eo an-tanan'ny Israely ve Ianao? Nefa tsy namaly azy Andriamanitra tamin'io andro io.
[38]Dia hoy i Saoly: "Avia eto, ianareo mpitarika ny vahoaka rehetra; fantaro ary jereo ny fomba nitrangan'izao fahotana izao androany. [39]Fa, raha mbola velona koa Yaveh, izay manavotra ny Israely, na dia ao amin'i Jonatana zanako aza izany, dia ho faty tokoa izy." Nefa tsy nisy tamin'ireo olona teo amin'ny vahoaka rehetra namaly azy.
[40]Dia hoy izy tamin'ny Israely rehetra: "Mitsangàna eo amin'ny ankilany, ary izaho sy Jonatana zanako dia ho eo amin'ny andaniny." Hoy ny vahoaka tamin'i Saoly: "Ataovy izay mety ho tsara aminao." [41]Ka dia hoy Saoly tamin'i Yaveh, Andriamanitry ny Israely: "Asehoy ny Tomima." Jonatana sy Saoly no azo taminy filokana, fa tafiala tsy voafidy kosa ny vahoaka. [42]Dia hoy Saoly: "Manaova filokana amiko sy Jonatana zanako." Dia i Jonatana no voafidy tamin'ny filokana.
[43]Dia hoy Saoly tamin'i Jonatana: "Lazao ahy izay nataonao." Hoy Jonatana taminy: "Nanandrana kely tamin'ny tantely teo amin'ny vodin'ny hazo izay tety an-tanako aho. Inty aho; ho faty aho." [44]Hoy Saoly: "Hanao izany Andriamanitra ary hanao mihoatra amiko ihany koa, raha tsy maty ianao, ry Jonatana."
[45]Dia hoy ny vahoaka tamin'i Saoly: "Tokony ho faty ve i Jonatana, izay nahatanteraka izao fandresena lehibe ho an'ny Israely izao? Sanatria anie izany! Raha mbola velona koa i Yaveh, dia tsy hisy singany iray amin'ny volon-dohany hilatsaka amin'ny tany, fa niasa niaraka tamin'Andriamanitra izy androany." Ka nanavotra an'i Jonatana ny vahoaka hany ka tsy maty izy. [46]Dia nitsahatra tsy nanenjika ny Filistina i Saoly, ary nandeha tany amin'ny toeran'izy ireo ny Filistina.
[47]Rehefa nanomboka nanapaka ny Israely i Saoly, dia niady tamin'ireo fahavalony rehetra teny amin'ny lafiny rehetra izy. Niady tamin'ny Moaba, ireo Amonita, Edoma, ireo mpanjakan'i Zoba, ary ireo Filistina izy. Na taiza na taiza nitodihany, dia nampitondrany sazy izy ireo. [48]Niasa tamin-kerim-po lehibe izy ka nandresy ireo Amalekita. Namonjy ny Israely ho afaka tamin'ny tanan'ireo izay nandroba azy ireo izy.
[49]Ireo zanaka lahin'i Saoly dia i Jonatana, Jisvy, ary Malkisoa. Ny anaran'ireo zanany roa vavy dia i Meraba, vavimatoa, ary Mikala, faravavy. [50]Ahinoama no anaran'ny vadin'i Saoly; zanaka vavin'i Ahimaza izy. Ny anaran'ny kapitenin'ny tafiny dia Abnera zanak'i Nera, rahalahin-drain'i Saoly. [51]Kisy no rain'i Saoly; ary Nera, rain'i Abnera, no zanaka lahin'i Abiela.
[52]Nisy ady mafy teo amin'ireo Filistina tamin'ny andron'i Saoly rehetra. Rehefa nahita olona mahery, na olona mahery fo i Saoly, dia nalainy ho azy izy.

15 [1]Hoy Samoela tamin'i Saoly: "Yaveh naniraka ahy hanosotra anao ho mpanjaka eo amin'ny Israely olony. Ankehitriny dia henoy ny tenin'i Yaveh. [2]Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: 'Efa tsinjoko ny nataon'i Amaleka tamin'ny vahoakan'Israely tamin'ny nanoherany azy ireo teny an-dalana, rehefa niakatra avy tany Egypta izy ireo. [3]Ankehitriny mandehana ka tafiho i Amaleka ary poteho tanteraka izay rehetra hananan'izy ireo. Aza miaro azy ireo, fa samy vonoy na ny lahy na ny vavy, ny ankizy sy ny zaza, ny omby sy ny ondry, ary ny rameva sy ny boriky.'"
[4]Nampiantso ny vahoaka i Samoela ary nanisa azy ireo tao amin'ny tanànan'i Telaima: lehilahy nandeha an-tongotra roa hetsy, ary lehilahin'i Joda iray alina. [5]Avy eo i Saoly dia tonga tany amin'ny tanànan'i Amaleka ary niandry tany an-dohasaha.
[6]Dia hoy i Saoly tamin'ireo Kenita: "Mandehana, mialà, mivoaha avy eo amin'ireo Amalekita, mba tsy handringanako anareo miaraka amin'izy ireo. Fa nampiseho hatsaram-panahy tamin'ny Israely rehetra ianareo, fony tonga avy tany Egypta izy ireo." Noho izany dia niala teo amin'ireo Amalekita ireo Kenita. [7]Avy eo dia namely an'ireo Amalekita i Saoly, hatrany Havilaha ka hatrany Sora, izay any atsinanan'i Egypta.
[8]Ary nataony sambo-belona i Agaga mpanjakan'i Amalekita; naringany tanteraka tamin'ny lelan-tsabatra ny vahoaka rehetra. [9]Fa niaro an'i Agaga, mbamin'ireo ondry, omby, ombivavy mifahy, ary zanak'ondry tsara indrindra i Saoly sy ireo olona. Ny zavatra rehetra izay tsara, dia tsy nopotehin'izy ireo. Fa nopotehin'izy ireo kosa ny zavatra rehetra izay namavoina sy tsy misy dikany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Dia tonga tamin'i Samoela ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [11]"Nanenenako ny nanaovako an'i Saoly ho mpanjaka, fa niala tamin'ny fanarahana Ahy izy ary tsy nampihatra ny didiko." Tezitra i Samoela; nihiaka mafy tamin'i Yaveh izy nandritra ny alina tontolo.
[12]Nifoha aloha i Samoela mba hihaona amin'i Saoly ny maraina. Nambara tamin'i Samoela hoe: "Tonga tany Karmela i Saoly ary nanangana tsangam-bato ho an'ny tenany, ary nitodi-doha ka nanohy nidina nankany Gilgala." [13]Dia tonga tany amin'i Saoly i Samoela, ary hoy Saoly taminy hoe: "Endrey voatahin'i Yaveh ianao! Tanterako ny didin'i Yaveh."
[14]Hoy i Samoela hoe: "Inona izany fitrenan'ny ondry ao an-tsofiko izany, sy ny fitrenan'ny omby izay reko izany?" [15]Namaly i Saoly hoe: "Efa nentin'izy ireo avy amin'ireo Amalekita izany. Fa niaro ireo ondry sy omby tsara indrindra ireo olona, mba hanaovana sorona ho an'i Yaveh Andriamanitrao. Efa naringanay tanteraka ny sisa tavela." [16]Dia hoy i Samoela tamin'i Saoly hoe: "Andraso, dia ho lazaiko anao izay nambaran'i Yaveh tamiko tamin'ny alina." Dia hoy i Saoly taminy hoe: "Mitenena!"
[17]Hoy i Samoela hoe: "Na dia kely eo imasonao ihany aza ianao, moa tsy natao ho lohan'ireo fokon'Israely ve ianao? Ary Yaveh nanosotra anao ho mpanjaka eo amin'Israely, [18]ary Yaveh naniraka anao tamin'ny lalanao nanao hoe: 'Mandehana ary haringano tanteraka ireo mpanota, ireo Amalekita, ary miadia amin'izy ireo ambara-paharingan'izy ireo.' [19]Nahoana ianao no tsy nankatoa ny feon'i Yaveh, fa naka ireo babo kosa ianao ary nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh?"
[20]Dia hoy i Saoly tamin'i Samoela: "Nankatoa ny feon'i Yaveh tokoa aho, ary efa nandeha tamin'ny lalana izay nanirahan'i Yaveh ahy. Efa nosamboriko i Agaga, mpanjakan'ny Amaleka, ary efa naringako tanteraka ireo Amalekita. [21]Saingy naka ny sasany tamin'ireo babo—ondry sy omby, ny zavatra tsara indrindra natokana ho an'ny fandravana, mba hanaovana sorona ho an'i Yaveh Andriamanitrao any Gilgala ny olona."
[22]Namaly i Samoela hoe: "Mankasitraka ny fanatitra dorana sy ny sorona tokoa ve Andriamanitra, tahaka ny amin'ny fankatoavana ny feon'i Yaveh? Tsara noho ny sorona ny fankatoavana, ary ny mihaino no tsara mihoatra ny tavin'ny ondry lahy. [23]Fa ny fikomiana dia tahaka ny fahotan'ny sikidy, ary ny fahamafisan-doha dia tahaka ny faharatsiana sy heloka. Satria efa nolavinao ny tenin'i Yaveh, dia nandà anao tsy ho mpanjaka ihany koa Izy."
[24]Dia hoy i Saoly tamin'i Samoela hoe: "Efa nanota aho; satria nandika ny didin'i Yaveh sy ireo teninao, satria natahotra ny olona aho ary nankatoa ny feon'izy ireo. [25]Ankehitriny, mba mamelà re ny heloko, ary miverena miaraka amiko mba hanompoako an'i Yaveh."
[26]Hoy i Samoela tamin'i Saoly hoe: "Tsy hiverina hiaraka aminao aho; satria nandà ny tenin'i Yaveh ianao, ary efa nandà anao tsy ho mpanjaka eo amin'ny Israely i Yaveh.' [27]Raha iny nitodi-doha hiala iny Samoela, dia nohazonin'i Saoly ny moron-tongotr'akanjony, ka nitriatra izany.
[28]Hoy i Samoela taminy: "Efa nesorin'i Yaveh hiala aminao ny fanjakan'Israely androany ary efa nomeny ho an'ny namanao, izay tsara noho ianao. [29]Ary koa, ny Tanjak'Israely dia tsy handainga na hampiova ny heviny akory; fa tsy olona Izy, ka hiova hevitra."
[30]Dia hoy i Saoly hoe: "Efa nanota aho. Saingy mba omeo voninahitra eo anatrehan'ireo loholon'ny vahoakako sy eo anatrehan'ny Israely re aho ankehitriny. Miaraha miverina amiko indray, mba hanompoako an'i Yaveh Andriamanitrao."
[31]Koa niverina nanaraka an'i Saoly indray i Samoela, ary nanompo an'i Yaveh i Saoly.
[32]Dia hoy i Samoela hoe: "Ento aty amiko etoana i Agaga mpanjakan'ireo Amalekita." Dia nankany aminy i Agaga mifatotra amin'ny gadra-vy ary nanao hoe: "Efa lasa tokoa ny fangidian'ny fahafatesana." [33]Namaly i Samoela hoe: "Araka ny nanaovan'ny sabatrao ireo vehivavy ho momba, dia ho momba toy izany koa ny reninao eo amin'ireo vehivavy." Dia nokapakapain'i Samoela teo anatrehan'i Yaveh tany Gilgala i Agaga.
[34]Nankany Rama i Samoela, ary Saoly niakatra tany an-tranony tany Gibean'i Saoly. [35]Tsy nahita an'i Saoly i Samoela hatramin'ny andro nahafatesany, fa nalahelo mafy an'i Saoly izy. Ary nanenina i Yaveh ny amin'ny nanaovany an'i Saoly ho mpanjaka teo amin'ny Israely.

16 [1]Hoy Yaveh tamin'i Samoela hoe: "Mandra-pahoviana ianao no hisaona an'i Saoly, satriaka nolaviko tsy ho mpanjaka manerana ny Israely izy? Fenoy diloilo ny tandrokao ary mandehana. Hirahiko ho any amin'i Jese avy any Betlehema ianao, fa efa nisafidy mpanjaka ho ahy amin'ireo zanany lahy aho."
[2]Hoy i Samoela hoe: "Ahoana no fomba andehanako? Raha mandre izany Saoly, dia ho vonoiny aho." Hoy Yaveh hoe: "Mitondrà ombivavy kely miaraka aminao ary lazao hoe: 'Tonga hanao sorona ho an'i Yaveh aho.' [3]Antsoy ho amin'ilay sorona i Jese, dia ho asehoko anao izay ho ataonao. Hanosotra ilay iray izay ho lazaiko anao ho Ahy ianao."
[4]Nanao araka izay nolazain'i Yaveh i Samoela ary nandeha tany Betlehema. Nihorohoro ireo loholona teo amin'ilay tanàna rehefa tonga hihaona aminy izy ireo ary niteny hoe: "Tonga mba hihavana ve ianao?" [5]Hoy izy hoe: "Hihavana; tonga hanao sorona ho an'i Yaveh aho. Miomàna ianareo hanokana ny tenanareo ary miarahà amiko ho any amin'ny fanaovana sorona." Dia nanokana an'i Jese sy ireo zanany lahy izy ary nanasa azy ireo ho any amin'ilay fanaovana sorona.
[6]Rehefa tonga izy ireo, dia nijery an'i Eliaba izy ary niteny tamin'ny tenany hoe nijoro nanoloana azy tokoa ilay voahosotr'i Yaveh. Saingy hoy i Yaveh tamin'i Samoela hoe: "Aza mijery ny endriny ivelany, na ny ahavon'ny tsanganany; satria efa nandà azy Aho. [7]Fa Yaveh dia tsy mijery toy ny fijerin'ny olombelona; ny olombelona mijery ny endrika ivelany, fa i Yaveh kosa mijery ny ao am-po."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Avy eo dia niantso an'i Abinadaba i Jese ary nampandalo azy teo anoloan'i Samoela. Dia hoy i Samoela hoe: "Tsy nifidy an'io iray io ihany koa Yaveh." [9]Avy eo dia nampandalo an'i Sama i Jese, saingy hoy i Samoela hoe: "Tsy nifidy an'io ihany koa Yaveh." [10]Nampandalovin'i Jese teo anoloan'i Samoela ny fito tamin'ireo zanany lahy. Dia hoy i Samoela tamin'i Jese hoe: "Tsy nifidy an'iza na iza tamin'ireo Yaveh."
[11]Ary hoy i Samoela tamin'i Jese hoe: "Eto daholo ve ireo zanakao lahy rehetra?" Namaly izy hoe: "Mboa misy ilay zanako faralahy tavela, fa miandry ondry izy." Hoy i Samoela tamin'i Jese hoe: "Mandehana ary alaivo izy; satria tsy hipetraka isika mandra-pahatongany eto." [12]Nandeha i Jese ary nitondra azy niditra. Ary io tovolahy io dia mena volo sy baribary maso ary tsara endrika ivelany. Hoy Yaveh hoe: "Mitsangàna, hosory izy; fa io no izy."
[13]Ary dia noraisin'i Samoela ny tandroka misy ny diloilo ary nosorany teo afovoan'ireo rahalahiny izy. Nirotsaka tamin'i Davida ny Fanahin'i Yaveh tamin'izany andro izany. Avy eo dia nitsangana i Samoela ary nandeha tany Rama.
[14]Ary nandao an'i Saoly ny Fanahin'i Yaveh, ka nisy fanahy ratsy avy amin'i Yaveh nampihorohoro azy. [15]Hoy ireo mpanompon'i Saoly taminy hoe: "Indro, misy fanahy ratsy avy amin'Andriamanitra mampikorontana anao. [16]Aoka ary ny tomponay handidy ireo mpanomponao izay eo anoloanao mba hitady lehilahy iray izay feno traikefa amin'ny fitendrena lokanga. Ary rehefa eo aminao ny fanahy ratsy avy amin'Andriamanitra, dia hitendry izany izy ary ho tsara ianao."
[17]Hoy i Saoly tamin'ireo mpanompony hoe: "Hitadiavo lehilahy izay afaka mitendry tsara aho ary ento aty amiko izy."
[18]Dia namaly ny iray tamin'ireo tovolahy, ary nanao hoe: "Efa nahita ny zanaka lahin'i Jese ilay Betlehemita aho, izay tena mahay mitendry, matanjaka, lehilahy be herim-po, lehilahin'ady, mahay mandaha-teny, lehilahy tsara tarehy; ary momba azy Yaveh." [19]Koa dia nandefa mpitondra hafatra tany amin'i Jese i Saoly, ary niteny hoe: "Alefaso amiko i Davida zanakao lahy, izay miaraka amin'ny ondry."
[20]Naka boriky iray nitatitra mofo, divay iray siny, sy zanak'osy i Jese, ary nandefa azy ireo niaraka tamin'i Davida zanany lahy ho any amin'i Saoly. [21]Avy eo dia tonga teo amin'i Saoly i Davida ary nanomboka ny fanompoany. Tian'i Saoly loatra izy, ka lasa mpitondra ny fiadiany.
[22]Naniraka an'i Jese i Saoly nanao hoe: "Aoka i Davida hijoro eto anoloako, satria nahita fitia teo imasoko izy." [23]Isaky ny teo amin'i Saoly ilay fanahy ratsy avy tamin'Andriamanitra, dia naka ny lokanga i Davida ary nitendry izany. Ka velombelona sy tony i Saoly, ary niala teo aminy ilay fanahy ratsy.

17 [1]Ary ireo Filistina namory ireo tafik'izy ireo hiady. Niangona tao Soko, izay an'i Joda izy ireo. Nitoby teo anelanelan'i Soko sy Azeka, tao Efesa-damima izy ireo.
[2]I Saoly sy ireo lehilahin'Israely dia niangona ary nitoby tao amin'ny Lohasahan'i Elaha, ary nandamina ny filaharan'izy ireo amin'ny ady mba hifanehitra amin'ireo Filistina. [3]Nitsangana teo ambony tendrombohitra teny am-pita ireo Filistina, ary ny Israely nitsangana teo ambony tendrombohitra teny am-pita ary lohasaha no nanelanelana azy ireo.
[4]Lehilahy matanjaka iray no nivoaka avy tao amin'ny tobin'ireo Filistina, lehilahy iray antsoina hoe Goliata avy any Gata, izay enina hakiho ary zehy iray ny halavany. [5]Nanao satroka fiarovan-doha varahina teo amin'ny lohany izy, ary niakanjo fiarovan-tratra. Varahina dimy arivo sekely no lanjan'ilay akanjo.
[6]Nanao fiarovan-dranjo varahina sy lefona varahina teo anelanelan'ny sorony izy. [7]Lehibe ny zaran-defony, miaraka amin'ny tady volomboloina fanipazana azy tahaka ny tady eo amin'ny vodi-tenon'ny mpanenona. Ny lohan'ny lefony dia vy milanja sekely eninjato. Nandeha teo alohany ny mpitondra ampingany.
[8]Nitsangana izy ary nihiaka mafy tamin'ireo filaharan'ny Israely: "Nahoana ianareo no tonga hilahatra hiady? Moa tsy Filistina ve aho, ary ianareo mpanompon'i Saoly? Misafidiana lehilahy iray aminareo ary aoka izy hidina ety amiko.
[9]Raha mahay miady amiko ary mahavono ahy izy, dia ho mpanomponareo izahay. Fa raha mandresy azy ary mahavono azy aho, dia ho mpanomponay ianareo ary hiasa ho anay."
[10]Dia hoy indray ilay Filistina hoe: "Manao fanamby amin'ireo filaharan'Israely aho androany. Omeo lehilahy iray aho mba ho afaka hiara-hiady izahay." [11]Rehefa nandre izay nolazain'ilay Filistina i Saoly sy ny Israely rehetra dia kivy izy ireo, ary natahotra mafy.
[12]Ary i Davida dia zanaka lahin'ilay Efratita avy any Betlehema ao Joda, i Jese no anarany. Nanan-janaka lahy valo izy. Jese dia efa lehilahy antitra tamin'ny andron'i Saoly, tena antitra tokoa teo amin'ireo lehilahy. [13]Ireo zokiny telo amin'ireo zanaka lahin'i Jese dia nanaraka an'i Saoly tany amin'ny ady. Ny anaran'ireo zanaka lahiny telo izay nankany amin'ny ady ireo dia i Eliaba no lahimatoa, faharoa manaraka azy i Abinadaba, ary i Sama no fahatelo.
[14]Davida no zandriny indrindra. Ireo telo zokiny indrindra no nanaraka an'i Saoly. [15]Ary i Davida dia nandroso sy niverina teo amin'ny tafik'i Saoly sy ireo ondrin'ny rainy tao Betlehema, mba hamahana azy ireo. [16]Marain-tsy hariva nandritra ny efapolo andro ilay lehilahy Filistina matanjaka no tonga nanakaiky mba hanolotra ny tenany ho amin'ny ady.
[17]Dia hoy i Jese tamin'i Davida zanany hoe: "Makà iray efaha amin'ity vary voaendy ity ary ireto mofo folo ireto ho an'ireo rahalahinao, ary ento haingana any amin'ny tobin'ireo rahalahinao ireto. [18]Ento any amin'ny kapitenin'ireo arivo ihany koa ireto fromazy folo ireto. Jereo hoe manao ahoana ireo rahalahinao ary mitondrà porofo miverina aty fa tsy maninona izy ireo.
[19]Miaraka amin'i Saoly sy ireo lehilahin'Israely rehetra any amin'ny lohasahan'i Elaha, miady amin'ireo Filistina ireo rahalahinao." [20]Nifoha aloha i Davida ny maraina ary namela ireo andian'ondry aman'osiny nokarakarain'ny mpiandry ondry iray. Naka ireo fitaovana izy ary lasa, araka ny nandidian'i Jese azy. Tonga teo amin'ny toby izy raha iny nandeha

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

nivoaka teo amin'ny sahan'ady mba hihiaka ady iny ny tafika. [21]Avy eo dia nilahatra hiady ny Israely sy ireo Filistina, tafika manohitra tafika.
[22]Namela ireo fananany tamin'ny mpitàna ireo fitaovana izy, nihazakazaka nankany amin'ny tafika, ary nihaona tamin'ireo rahalahiny. [23]Raha iny niresaka tamin'izy ireo iny izy, ilay lehilahy matanjaka, ilay Filistina avy any Gata, antsoina amin'ny hoe: Goliata, dia nivoaka avy tao amin'ny laharan'ireo Filistina, ka niteny ireo teny izay efa nolazainy teo aloha, dia ren'i Davida izy ireo. [24]Rehefa nahita ilay lehilahy ireo olon'Israely rehetra, dia nandositra azy ary natahotra tokoa izy ireo.
[25]Ireo lehilahin'Israely niteny hoe: "Hitanareo ve iny lehilahy miakatra iny? Tonga mba hihantsy ny Israely izy. Hanome harena be an'izay mamono azy ny mpanjaka, ary hanome azy ny zanany vavy ho vadiny izy, ary hanafaka ny ankohonan-drainy amin'ny fandoavan-ketra ao Israely."
[26]Hoy i Davida tamin'ireo lehilahy izay nitsangana teo akaikiny: "Inona no hatao ho an'ilay lehilahy izay mamono ity Filistina ity sy hanala ny fahafaham-baraka amin'Israely? Iza ity Filistina tsy voafora ity no mihantsy an'ireo tafiky ny Andriamanitra velona?" [27]Dia naverin'ny olona izay efa nolazain'izy ireo ary nilaza taminy izy hoe: "Dia toy izany ihany no ho atao ho an'ilay lehilahy izay mamono azy."
[28]Nandre azy niresaka tamin'ireo lehilahy i Eliaba zokiny lahimatoa. Dia nirehitra tamin'i Davida ny hatezeran'i Eliaba, ka hoy izy: "Nahoana ianao no midina ety?" Iza no namelànao an'ireo ondry vitsy any an-tany efitra? Fantatro ny avonavona sy ny sompatra ao anatin'ny fonao; fa tonga nidina tety ianao mba hahita ny ady." [29]Hoy i Davida: "Inona izao no nataoko? Moa tsy fanontaniana fotsiny ve izany?" [30]Niala teo aminy nankany amin'ny hafa izy, ary niteny toy izany ihany. Dia namaly toy ny teo aloha ihany ny olona.
[31]Rehefa re ireo teny izay nolazain'i Davida, dia namerina izany tamin'i Saoly ireo miaramila, ary nampaniraka ho an'i Davida izy. [32]Avy eo dia hoy Davida tamin'i Saoly: "Aoka tsy hisy lehilahy ho ketraka noho io Filistina io ny fony; ny mpanomponao dia handeha ka hiady amin'io Filistina io." [33]Hoy i Saoly tamin'i Davida: "Tsy afaka handeha hanohitra io Filistina io ary hiady aminy ianao; satria mbola tanora ianao, ary izy dia lehilahin'ady nanomboka tamin'ny fahatanorany."
[34]Fa hoy i Davida tamin'i Saoly: "Efa zatra niandry ny andian'ondrin'ny rainy ny mpanomponao. Rehefa tonga sy maka zanak'ondry amin'ny andian'ondry ny liona na bera, [35]dia nanenjika izany sy namely izany aho, ary nanavotra izany avy tao amin'ny vavany. Rehefa nitsangana hanohitra ahy izy, dia tratrako tamin'ny volombavany, nasiko izy, ary matiko.
[36]Nahavono liona sy bera ny mpanomponao. Ary io Filistina tsy mifora io dia ho tahaka ny iray amin'ireo, satria nihantsy ireo tafiky ny Andriamanitra velona izy."
[37]Hoy i Davida: "Nanavotra ahy tamin'ny tongotry ny liona sy ny tongotry ny bera i Yaveh. Hanavotra ahy amin'ny tanan'io Filistina io Izy." Dia hoy i Saoly tamin'i Davida: "Mandehana, ka homba anao anie i Yaveh." [38]Nampiakanjoan'i Saoly tamin'ny akanjo fiadiany i Davida. Napetrany teo amin'ny lohany ny satroka fiarovan-doha varahina, ary nampiakanjoany akanjo fiarovan-tratra izy.
[39]Namehy ny sabany tamin'ny akanjo fiadiany i Davida. Fa tsy afaka namindra izy, satria mbola tsy nofanina tamin'ireny. Dia hoy i Davida tamin'i Saoly: "Tsy afaka hivoaka hiady miaraka amin'itony aho, satria mbola tsy nofanina tamin'ireto." Koa nalan'i Davida ireo. [40]Nalainy teny an-tanany ny tehiny ary nifantina vato malama dimy avy tao amin'ny lohasahan-driaka izy; ary napetrany tao amin'ny kitapony fiandrasany ondry ireo. Teny an-tanany ny antsamotadiny rehefa nanatona ilay Filistina izy.
[41]Tonga ary nanatona an'i Davida ilay Filistina, ary teo alohany ny mpitondra ny ampingany. [42]Rehefa nijery ny manodidina ka nahita an'i Davida ilay Filistina, dia nanao tsinontsinona azy, satria mbola zaza izy, mena volo, ary tsara endrika. [43]Dia hoy ilay Filistina tamin'i Davida: "Alika ve aho, no tonga miaraka amin'ny hazo eto amiko ianao?," ary nanozona an'i Davida tamin'ireo andriamaniny ilay Filistina.
[44]Hoy ilay Filistina tamin'i Davida: "Mankanesa eto amiko, dia homeko ho an'ireo vorona eny an-danitra sy ho an'ireo bibidia any an-tsaha ny nofonao." [45]Namaly ilay Filistina i Davida hoe: "Tonga eto amiko miaraka amin'ny sabatra, ary lefona ianao. Fa izaho tonga eo aminao amin'ny anaran'i Yaveh tompon'ny maro, ilay Andriamanitry ny tafik'Israely, izay nihantsinao.
[46]Anio dia hanome ahy ny fandresena anao i Yaveh, ka hamono anao aho ary hanala ny lohanao amin'ny vatanao. Anio dia hanome ny fatin'ny tafik'ilay Filistina ho an'ireo vorona eny an-danitra sy ho an'ireo bibidia ety an-tany aho, mba hahafantaran'ny tany rehetra fa misy Andriamanitra ao Israely, [47]ary hahafantaran'ireo vory rehetra ireo fa i Yaveh dia tsy manome fandresena amin'ny sabatra na lefona. Fa an'i Yaveh ny ady, ka hanolotra anareo eo an-tananay Izy."
[48]Rehefa nitsangana sy nanatona an'i Davida ilay Filistina, dia nihazakazaka haingana nankeny amin'ny tafika fahavalo i Davida mba hitsena azy. [49]Nampidiriny tao anatin'ny kitapony ny tanany, naka vato avy tao izy, nalefany tamin'ny antsamotady izany, ka nahavoa an'ilay Filistina teo amin'ny handrina. Nilentika tao amin'ny handrin'ilay Filistina ny vato, ka nidaraboka tamin'ny tavany teo amin'ny tany izy.
[50]Resin'i Davida tamin'ny antsamotady sy vato ilay Filistina. Voany ilay Filistina ka matiny. Tsy nisy sabatra teny an-tanan'i Davida. [51]Avy eo dia nihazakazaka i Davida ka nitsangana teo ambonin'ilay Filistina sy naka ny sabany, namoaka izany avy tao amin'ny tranony, namono azy, ary nanapaka ny lohany tamin'izany. Rehefa hitan'ireo Filistina fa maty ilay lehilahy matanjak'izy ireo, dia nandositra izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[52]Avy eo dia nitsangana sady nihiaka ireo lehilahin'Israely sy Joda, ary nanenjika ireo Filistina hatrany amin'ny lohasaha sy ireo vavahadin'i Ekrona. Ireo Filistina maty dia nandry teo amin'ny lalana mankany Saraima, sy ny lalana rehetra mankany Gata ary Ekrona. [53]Niverina avy tamin'ny fanenjehana ireo Filistina ny olon'Israely, ary nandroba ny tobin'izy ireo. [54]Nalain'i Davida ny lohan'ilay Filistina ary nentiny tany Jerosalema izany, fa ny akanjo fiadiany dia napetrany tao amin'ny lainy.
[55]Rehefa nahita an'i Davida nivoaka nanohitra an'ilay Filistina i Saoly, dia hoy izy tamin'i Abnera, kapitenin'ny tafika: "Ry Abnera, zanak'iza io tovolahy io?" Dia hoy i Abnera: "Raha mbola velona koa ianao, ry mpanjaka, dia tsy fantatro" [56]Ny mpanjaka niteny hoe: "Anontanio ireo izay mety mahafantatra, hoe zanak'iza io zazalahy io."
[57]Rehefa niverina avy tany amin'ny famonoana ilay Filistina i Davida, dia naka azy i Abnera, ary nitondra azy teo anatrehan'i Saoly niaraka tamin'ny lohan'ilay Filistina teny an-tanany. [58]Hoy i Saoly taminy: "Zanak'iza ianao, ry tovolahy?" Namaly i Davida hoe: "Zanak'i Jese Betlehemita mpanomponao aho."

18 [1]Rehefa avy niresaka tamin'i Saoly izy, dia nifamatotra tamin'ny fanahin'i Davida ny fanahin'i Jonatana, ary notiavian'i Jonatana tahaka ny fanahiny ihany izy. [2]Nalain'i Saoly ho amin'ny fanompoana azy i Davida tamin'io andro io; tsy navelany hiverina any an-tranon-drainy izy.
[3]Avy eo Jonatana sy Davida nanao faneken-pinamanana satria notiavin'i Jonatana tahaka ny fanahiny ihany izy. [4]Nanala ny akanjo lava izay nanaovany i Jonatana ary nanome izany an'i Davida niaraka taminy fiarovany, sy ny sabany, ny tsipìka, ary fehin-kibo.
[5]Dia nandeha tany amin'izay toerana nanirahan'i Saoly azy i Davida, ary nahomby izy. Nametraka azy teo amin'ireo lehilahin'ady i Saoly. Nankasitrahana teo imason'ny vahoaka rehetra izany ary teo imason'ireo mpanompon'i Saoly ihany koa.
[6]Raha nandeha nody avy nandresy ireo Filistina izy ireo, dia tonga avy tamin'ireo tanànan'Israely rehetra ireo vehivavy, nihira sy nandihy, mba hitsena an'i Saoly mpanjaka, niaraka tamin'ny amponga tapaka, hafaliana, ary zava-maneno.
[7]Nifandimby nihira ireo vehivavy raha nilalao izy ireo. Nihira izy ireo hoe: "Novonoin'i Saoly ireo an'arivony, ary Davida kosa ireo an'aliny."
[8]Tezitra mafy i Saoly, ary tsy nahafaly azy izany hira izany. Hoy izy hoe: "Efa nanome an'alina ho an'i Davida izy ireo, nefa an'arivony ihany no nomen'izy ireo ho ahy. Inona ihany koa no afaka hananany afa-tsy ny fitondram-panjakana?" [9]Nijery an'i Davida tam-piahiahiana i Saoly nanomboka tamin'io andro io.
[10]Ny andro manaraka dia nisy fanahy mampidi-doza avy amin'Andriamanitra nidina teo amin'i Saoly ary nirediredy tao an-trano izy. Noho izany dia nilalao ny zava-manenony tahaka ny ataony isan'andro i Davida. Ary nanana lefona teny an-tanany i Saoly. [11]Natsipin'i Saoly ilay lefona, satria nieritreritra izy hoe: "Ho tsindroniko ho eo amin'ny rindrina i Davida." Kanefa indroa tafala ny fanatrehan'i Saoly tamin'izany fomba izany i Davida. [12]Natahotra an'i Davida i Saoly, satria nomba azy Yaveh, fa tsy nomba an'i Saoly intsony.
[13]Koa nesorin'i Saoly teo amin'ny fanatrehany izy ary notendreny ho mpifehy ny arivo. Izany no fomba nivoahan'i Davida sy nankanesany teo anoloan'ny vahoaka. [14]Nambinina tamin'ny lalany rehetra i Davida, satria nomba azy Yaveh.
[15]Rehefa hitan'i Saoly fa nambinina izy, dia talanjona taminy izy. [16]Fa tia an'i Davida ny Israely sy Joda rehetra, satria nivoaka izy ary nankeo anoloan'izy ireo.
[17]Ary hoy i Saoly tamin'i Davida hoe: "Inty i Meraba zanako vavy zokiny indrindra. Homeko anao ho vady izy. Fa manàna herim-po ho ahy ary miadia ny adin'i Yaveh." Fa nieritreritra Saoly hoe: "Aza avela eo aminy tanako, fa aoka ny tanan'ireo Filistina no ho eo aminy." [18]Hoy i Davida tamin'i Saoly hoe: "Iza moa aho, ary iza moa ireo havako, na ny fianakavian'ny raiko any Israely, no tokony ho vinanto lahin'ny mpanjaka aho?"
[19]Fa tamin'ny fotoana tokony nanomezana an'i Meraba, zanaka vavin'i Saoly ho an'i Davida, dia nomena an'i Adriela Meholatita ho vady izy.
[20]Kanefa i Mikala, zanaka vavin'i Saoly, dia tia an'i Davida. Niteny tamin'i Saoly izy ireo, ary nahafaly azy izany. [21]Avy eo i Saoly nieritreritra hoe: "Homeko azy izy, mba ho fandrika ho azy, ary mba hanohitra azy ny tanan'ireo Filistina." Ka niteny fanindroany an'i Davida indray i Saoly hoe: "Ho vinanto lahiko ianao."
[22]Nandidy ireo mpanompony i Saoly hoe: "Miresaha manokana amin'i Davida, ary lazao hoe: 'Indro, mankasitraka anao ny mpanjaka, ary tia anao ireo mpanompony rehetra. Koa ankehitriny, meteza ho vinanto lahin'ny mpanjaka.'"
[23]Koa nilaza ireo teny ireo tamin'i Davida ireo mpanompon'i Saoly. Avy eo Davida nilaza hoe: "Zavatra kely ho anao ve ny ho vinanton'ny mpanjaka, satria olona mahantra aho, ary atao tsinontsinona?" [24]Nitatitra taminy ireo teny izay nolazain'i Davida ireo mpanompon'i Saoly.
[25]Ary hoy i Saoly hoe: "Lazao an'i Davida izao: 'Tsy maniry vodiondry ny mpanjaka, fa lohan-tsitsy zaton'ireo Filistina ihany, mba hamaliana faty ireo fahavalon'ny mpanjaka.'" Ary Saoly nieritreritra ny handavo an'i Davida tamin'ny tanan'ireo Filistina. [26]Rehefa nilaza ireo teny ireo tamin'i Davida ireo ny mpanompony, dia nahafaly an'i Davida ny ho vinanton'ny mpanjaka.
[27]Talohan'ny nahadila an'ireo andro ireo, dia nandeha niaraka tamin'ireo olony Davida ary namono Filistina roan-jato. Nentin'i Davida ny lohan-tsitsin'izy ireo, ary nomen'izy ireo ho an'ny mpanjaka avokoa ireo, mba ho lasa vinanton'ny mpanjaka izy. Koa nomen'i Saoly azy ho vady i Mikala zanany vavy. [28]Rehefa hitan'i Saoly, sy fantany fa nomba an'i

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Davida i Yaveh, ary Mikala zanaka vavin'i Saoly, dia tia azy, [29]dia natahotra mafy kokoa an'i Davida i Saoly. Ary fahavalon'i Davida hatrany i Saoly.
[30]Avy eo ireo andrian-dahin'ireo Filistina nivoaka hiady, ary arakaraky ny nivoahan'izy ireo matetika, no nahombiazan'i Davida bebe kokoa noho ireo mpanompon'i Saoly rehetra, koa dia nisandratra avo ny anarany.

19 [1]Ary Saoly niteny tamin'i Jonatana zanany lahy sy tamin'ireo mpanompony ny tokony hamonoan'izy ireo an'i Davida. Kanefa i Jonatana, zanak'i Saoly, dia tia an'i Davida fatratra. [2]Koa hoy i Jonatana tamin'i Davida: "Mitady hamono anao i Saoly raiko. Noho izany miambena amin'ny maraina ary miafena amin'ny toerana mangingina. [3]Izaho hivoaka hitsangana eo anilan'ny raiko eo amin'ny saha izay misy anao, ary hiresaka momba anao amin'ny raiko aho. Raha mahafantatra zavatra aho, dia hoteneniko ianao."
[4]Nilaza soa momba an'i Davida tamin'i Saoly rainy i Jonatana ka hoy izy taminy: "Aoka tsy hanota amin'i Davida mpanompony ny mpanjaka. Fa tsy nanota taminao izy, ary nitondra soa ho anao ireo asany. [5]Fa izy efa nanao ny ainy tsy ho zavatra ka namono ilay Filistina. Yaveh efa nitondra fandresena lehibe ho an'Israely rehetra. Nahita izany ianao ka faly. Nahoana no hanota hanohitra ny rà tsy manan-tsiny amin'ny famonoana an'i Davida tsy ahoan-tsy ahoana ianao?"
[6]Nihaino an'i Jonatana i Saoly. Ka nianiana hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh, dia tsy hovonoina izy." [7]Dia niantso an'i Davida i Jonatana, ary noteneniny tamin'i Davida izany zavatra rehetra izany. Nentin'i Jonatana tany amin'i Saoly i Davida, ary teo amin'ny fanatrehany toy ny teo aloha indray izy.
[8]Ary nisy ady indray, dia nivoaka hiady amin'ny Filistina i Davida ka nandresy azy ireo tamin'ny famonoana lehibe. Dia nandositra teo anatrehany izy ireo. [9]Tonga tamin'i Saoly ny fanahy ratsy avy amin'i Yaveh raha nipetraka tao an-tranony niaraka tamin'ny lefona teny an-tanany izy, ary raha nitendry zava-maneno iny i Davida.
[10]Ary i Saoly nanandrana nikendry an'i Davida teo amin'ny rindrina tamin'ny lefony, kanefa nandositra ny fanatrehan'i Saoly izy, ka natsatok'i Saoly teo amin'ny rindrina ny lefona. Nitsoaka i Davida ary afa-nandositra tamin'iny alina iny.
[11]Nandefa iraka tany an-tranon'i Davida mba hijery azy mba hahafahany mamono azy i Saoly ny maraina. Mikala, vadin'i Davida, niteny azy hoe: "Raha tsy mamonjy ny ainao anio alina ianao, dia hovonoina ianao rahampitso."
[12]Navelan'i Mikala hidina teo amin'ny varavarankely i Davida. Dia lasa izy ka nitsoaka, ary afa-nandositra.[13]Naka sampy tao an-tranony i Mikala dia nametraka izany teo am-pandriana. Ary naka ondana volon'osy izy ka napetrany teo amin'ny lohany, ary norakofany akanjo izany.
[14]Raha nandefa iraka mba haka an'i Davida i Saoly, dia hoy izy hoe: "Marary izy." [15]Dia nandefa iraka mba hijery an'i Davida indray i Saoly, ka hoy izy: "Ento hiakatra aty amiko amin'ny fandriana izy, mba hahafahako mamono azy."
[16]Raha niditra ireo iraka, indro, ny sampy izay tao an-tranony no teo am-pandriana miaraka amin'ny ondana volon'osy eo amin'ny lohany. [17]Dia hoy i Saoly tamin'i Mikala: "Nahoana no namitaka ahy ianao ka namela ny fahavaloko handeha, ka dia afa-nandositra izy?" Mikala namaly an'i Saoly hoe: "Hoy izy tamiko, 'Avelao aho handeha. Nahoana aho no hamono anao?'"
[18]Ary nitsoaka sy afa-nandositra i Davida, dia nankany amin'i Samoela tany Rama ka nilaza taminy ny zavatra rehetra izay nataon'i Saoly taminy. Dia nandeha izy sy Samoela ka nitoetra tany Naiota. [19]Nisy nanambara tamin'i Saoly izany, manao hoe: "Indro, ao Naiota any Rama i Davida." [20]Dia nandefa iraka hisambotra an'i Davida i Saoly. Raha nahita ny naman'ny mpaminany naminany izy ireo, ary Samoela nijoro ho lehiben'izy ireo, ny fanahin'Andriamanitra tonga tamin'ny irak'i Saoly, dia naminany koa izy ireo.
[21]Rehefa nilazana izany i Saoly, dia nandefa iraka hafa izy, ary naminany ihany koa izy ireo. Ary nandefa iraka fanintelony indray i Saoly, ka naminany ihany koa ireo. [22]Dia nankany Rama koa izy ary tonga teo amin'ny lava-drano tao Seko. Nanontany izy hoe: "Aiza i Samoela sy Davida?" Nisy olona niteny hoe: "Indro, ao Naiota any Rama izy ireo."
[23]Nankany Naiota any Rama i Saoly. Dia tonga tao aminy koa ny fanahin'i Yaveh, ka naminany teny am-pandehanana mandra-pahatongany tany Naiota tany Rama izy. [24]Nanala ny fitafiany izy ary naminany teo anatrehan'i Samoela. Nitanjaka nandritra ny andro sy ny alina rehetra izy. Izany no antony nanontanian'izy ireo hoe: "Isan'ireo mpaminany koa ve i Saoly?"

20 [1]Ary Davida nandositra avy tany Naiota any Rama ka nankany amin'i Jonatana ary nanao hoe: "Fa inona no nataoko? Inona no heloko? Inona no fahotako teo anatrehan'ny rainao, no mitady hifofo ny aiko izy" [2]Jonatana nanao tamin'i Davida hoe: "Sanatria anie izany; tsy ho faty ianao. Tsy manao zavatra na lehibe na kely ka tsy milaza izany amiko ny raiko. Nahoana no tokony hanafina izany zavatra izany amiko ny raiko? Tsy izany velively."
[3]Ary nivoady indray Davida ka nanao hoe: "Fantatry ny rainao tsara fa nahita sitraka teo imasonao aho. Efa nilaza izy hoe: 'Aza avela ho fantatr'i Jonatana izao, raha tsy izany dia halahelo izy.' Nefa raha velona marina Yaveh, ary raha mbola velona koa ianao, dia kely fotsiny ny elanelana eo amiko sy ny fahafatesana."
[4]Ary hoy i Jonatana tamin'i Davida: "Na inona na inona lazainao, dia hataoko ho anao." [5]Hoy i Davida tamin'i Jonatana: "Rahampitso ny voaloham-bolana, ka tokony hipetraka hiara-hihinana amin'ny mpanjaka aho. Nefa avelao aho andeha, mba hiafina any an-tsaha hatramin'ny harivan'ny andro fahatelo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Raha mahatsiaro ahy ny rainao, dia ataovy hoe: 'Nanao fierana fatratra tamiko i Davida mba hamonjy an'i Betlehema tanànany; satria efa ankatoky ny sorona isan-taona ho an'ny fianakaviana manontolo any.' [7]Raha hoy izy hoe: 'Tsara izany,' dia hanam-piadanana ny mpanomponao. Fa raha tezitra mafy izy, dia fantaro fa nanapa-kevitra hanao ratsy izy.
[8]Noho izany dia mifanaraha tsara amin'ny mpanomponao. Fa efa nitondra ny mpanomponao ho amin'ny faneken'i Yaveh niaraka taminao ianao. Nefa raha misy fahotana amiko, dia ianao no hamono ahy; koa nahoana aho no entinao any amin'ny rainao?" [9]Hoy i Jonatana: "Sanatria aminao anie izany! Raha nahafantatra aho fa nanapa-kevitra ny hanao ratsy anao ny raiko, dia tsy hilaza aminao ve aho?"
[10]Dia hoy i Davida tamin'i Jonatana: "Iza no hiteny amiko raha sanatria mamaly anao amin'ny teny mafy ny rainao?"
[11]Jonatana nanao tamin'i Davida hoe: "Andao, andeha isika hivoaka any an-tsaha." Ka nivoaka tany an-tsaha izy roa lahy.
[12]Hoy i Jonatana tamin'i Davida: "Yaveh, Andriamanitr'Israely anie no ho vavolombelona. Rehefa avy manontany an-draiko aho rahampitso amin'izao ora izao, na amin'ny andro fahatelo, jereo, raha misy zava-tsoa ho an'i Davida, moa tsy haniraka ho any aminao sy hampahafantatra anao ve aho? [13]Raha mahafaly an-draiko ny hanao ratsy anao, Yaveh anie hanao izany amin'i Jonatana ary mihoatra aza raha tsy mampahafantatra izany aminao sy mandefa anao aho, mba handehananao am-piadanana. Homba anao anie Yaveh, tahaka ny efa nombàny ny raiko.
[14]Fa raha mbola velona koa aho, moa tsy hampiseho ahy ny tsy fivadiham-paneken'i Yaveh ve ianao, mba tsy ho faty aho?
[15]Aza manapaka ny tsy fivadiam-panekenao hiala amin'ny ankohonako mandrakizay—na dia foanan'i Yaveh eo amin'ny tany aza ny fahavalon'i Davida rehetra." [16]Ary Jonatana nanao fanekena tamin'ny ankohonan'i Davida ka nanao hoe: "Yaveh anie hitaky ny honitra eo amin'ny tanan'ireo fahavalon'i Davida."
[17]Nampanao voady an'i Davida indray i Jonatana noho ny fitiavany azy, satria tia azy tahaka ny fitiavany ny fanahiny ihany izy. [18]Dia hoy i Jonatana taminy: "Rahampitso ny voaloham-bolana. Ho tsaroana ianao satria foana ny sezanao.
[19]Rehefa nijanona telo andro ianao, dia midìna haingana ary mankanesa any amin'ny toerana izay niafenanao rehefa teo am-pelatanana ny raharaha, ary miandrasa eo akaikin'ny vatolampy Ezela.
[20]Handefa zana-tsipìka telo eo anilan'izany aho, toy ny hoe mtifitra zavatra kendrena. [21]Ary haniraka ny zatovolahiko aho ka hiteny aminy hoe: 'Andeha tadiavo ireo zana-tsipìka.' Raha miteny amin'ilay zatovolahy aho hoe: 'Indro, itsy ankilanao itsy ireo zana-tsipìka; alaivo ireo," dia tongava; fa hisy fiarovana ary tsy hisy ratsy ho anao, raha mbola velona koa Yaveh.
[22]"Nefa raha miteny amin'ilay zatovolahy aho hoe: 'Indro, ao aorianao ireo zana-tsipìka,' dia mandehana amin'ny lalanao, fa efa nandefa anao i Yaveh. [23]Raha ny amin'ny fifanarahana izay nifampiresahantsika, indro, eo afovoantsika mandrakizay i Yaveh.'"
[24]Koa niafina tany an-tsaha i Davida. Rehefa tonga ny voaloham-bolana, dia nipetraka nihinana sakafo ny mpanjaka.
[25]Nipetraka teo amin'ny sezany ny mpanjaka, tahaka ny mahazatra, teo amin'ny seza teo akaikin'ny rindrina. Nijoro i Jonatana, ary Abnera nipetraka teo anilan'i Saoly. Nefa foana ny sezan'i Davida.
[26]Tsy mbola niteny na inona na inona i Saoly tamin'io andro io, satria nieritreritra izy hoe: "Nisy zavatra nahazo azy. Tsy madio izy; azo antoka fa tsy madio izy." [27]Fa tamin'ny andro faharoa kosa, ny ampitson'ny voaloham-bolana, dia foana ny sezan'i Davida. Hoy i Saoly tamin'i Jonatana zanany lahy: "Nahoana no tsy tonga amin'ny fisakafoana ny zanaka lahin'i Jese na omaly na androany?"
[28]Jonatana namaly an'i Saoly hoe: "Nangataka alalana fatratra tamiko mba handeha any Betlehema i Davida. [29]Hoy izy: 'Avelao re aho mba handeha. Fa ny fianakavianay manana sorona ao an-tanàna, ary ny rahalahiko nandidy ahy ho any. Ankehitriny, raha efa nahita sitraka teo imasonao aho, dia avelao re aho handeha ary hijery ireo rahalahiko.' Izany no antony tsy nahatongavany teo an-databatry ny mpanjaka."
[30]Koa nirehitra tamin'i Jonatana ny hatezeran'i Saoly, ary hoy izy taminy: "Ianao ry zanaka lahin'ny mpamadika, vehivavy mpikomy! Moa ve aho tsy mahafantatra fa efa nisafidy ny zanaka lahin'i Jese ho fahamenarana ho anao, sy ho fahamenaran'ny fitanjahan'ny reninao ianao? [31]Fa raha mbola miaina eto an-tany ny zanaka lahin'i Jese, dia tsy ho tafapetraka na ianao na ny fanjakanao. Koa ankehitriny, alefaso ary ento aty amiko izy, fa tsy maintsy ho faty tokoa izy."
[32]Jonatana namaly an'i Saoly rainy hoe: "Fa inona no antony tokony hamonoana azy? Inona no nataony?" [33]Ary Saoly nanipy ny lefony taminy mba hamono azy. Ka dia fantatr'i Jonatana fa tapa-kevitra ny hamono an'i Davida ny rainy.
[34]Nitsangana niala tam-pahavinirana teo amin'ny latabatra ary tsy nihinana sakafo i Jonatana ny andro faharoan'ny volana, fa nalahelo an'i Davida izy, satria nanala baraka azy ny rainy.
[35]Ny maraina, nivoaka nankany an-tsaha tamin'ny fotoana voatondro niaraka tamin'i Davida i Jonatana, sy ny zatovolahy niaraka taminy. [36]Hoy izy tamin'ilay zatovolahiny: "Mihazakazaha ary tadiavo ireo zana-tsipìka izay natifitro." Ary raha nihazakazaka ilay zatovolahy, dia notifiriny zana-tsipìka tao aoriany. [37]Rehefa tonga teo amin'ny toerana izay nitsatohan'ny zana-tsipìka nalefan'i Jonatana ilay zatovolahy, dia niantso ilay zatovolahy i Jonatana avy eo, ary nanao hoe: "Moa tsy ao aorianao ve ny zana-tsipìka?"
[38]Ary niantso ilay zatovolahy i Jonatana hoe: "Faingàna, malakia, aza mijanona!" Ary ilay zatovolahin'i Jonatana nanangona ireo zana-tsipìka niakatra ary nankany amin'ny tompony. [39]Nefa tsy nahalala na inona na inona ilay zatovolahy. Jonatana sy Davida ihany no nahalala ny raharaha. [40]Nomen'i Jonatana an'ilay zatovolahiny ireo fitaovam-piadiana ary hoy izy taminy: "Mandehana, ento any an-tanàna ireo."
[41]Raha vao lasa ilay tovolahy, dia nitsangana avy tao ambadiky ny dongon-tany i Davida, niankohoka teo amin'ny tany, ary niondrika intelo. Nifanoroka sy niara-nitomany izy ireo, ary Davida nitomany mafy. [1][42]Hoy i Jonatana tamin'i Davida: "Mandehana am-piadanana, satria efa samy nianiana tamin'ny anaran'i Yaveh isika ary nanao hoe: 'Yaveh anie ho eo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

afovoantsika, ary eo afovoan'ireo taranako sy ireo taranakao mandrakizay.'" Ary nitsangana Davida ka lasa, fa Jonatana kosa niverina tany an-tanàna.

---

[1]Fanamarihana: Mivaky toy izao ny lahatsoratra Hebreo: "Nivoaka avy any antsimo i Davida." Ny dikan-teny vaovao mandika io an-dalana io amin'ny fomba samy hafa satria sarotra takarina ny teny Hebreo.

---

21 [1]Dia tonga tao Noba i Davida mba hijery an'i Ahimeleka mpisorona. Tonga mba hitsena an'i Davida tam-pangovitana i Ahimeleka ary niteny taminy hoe: "Nahoana ianao no irery ary tsy misy miaraka aminao?" [2]Hoy i Davida tamin'i Ahimeleka mpisorona hoe: "Nandefa ahy hanatanteraka iraka ny mpanjaka ary niteny tamiko hoe: 'Aza avela hisy hahafantatra na inona na inona momba ny raharaha izay hanirahako anao, sy izay handidiako anao.' Nanoro lalana ireo zatovolahy ho any amina toerana iray aho.
[3]Koa inona ary no an-tananao izao? Omeo mofo dimy aho, na izay rehetra misy ato." [4]Namaly an'i Davida ilay mpisorona ka nanao hoe: "Tsy misy mofo tsotra eto an-tanako, fa kosa misy mofo masina—raha nahatandri-tena tamin'ny vehivavy ireo tovolahy."
[5]Davida namaly an'ilay mpisorona nanao hoe: "Nahatandri-tena tamin'ny vehivavy tokoa izahay nandritra ireo telo andro lasa, tahaka ny fanao isaky ny miainga aho. Efa natokana ny fananan'ireo lehilahy ireo na dia ho amin'ireo iraka tsotra aza. Mainka aza voatokana izay hananan'izy ireo ankehitriny!" [6]Koa dia nanome azy ilay mofo izay voatokana ilay mpisorona. Fa tsy nisy mofo afa-tsy ny mofon'ny fanatrehana mantsy tao, izay efa nesorina teo anatrehan'i Yaveh, mba hametrahana mofo vaovao eo amin'ny toeran'izany tamin'ny andro nanesorana izany.
[7]Ary ny iray tamin'ireo mpanompon'i Saoly izay tany tamin'izany andro izany, dia voatazona teo anatrehan'i Yaveh. Doega Edomita no anarany, lehiben'ireo mpiandry ombin'i Saoly.
[8]Dia hoy Davida tamin'i Ahimeleka hoe: "Tsy misy lefona na sabatra azo ampiasaina ve eo an-tananao? Fa tsy nahatondra akory aho na ny sabatro na ireo fitaovam-piadiako taty amiko, satria tena maika tokoa ny raharahan'ny mpanjaka." [9]Hoy ilay mpisorona hoe: "Ny sabatr'i Goliata ilay Filistina, izay novonoinao tany amin'ny Lohasahan'i Elaha, izay mifono lamba ao ambadiky ny efoda no ato. Raha tianao alaina izany, dia alaivo, fa tsy misy fitaovam-piadiana hafa ato." Hoy i Davida hoe: "Tsy misy sabatra tahaka izany iray izany; omeo ahy izany."
[10]Dia nitsangana i Davida ary nitsoaka an'i Saoly tamin'izany andro izany ka nankany amin'i Akisa, mpanjakan'i Gata.
[11]Ireo mpanompon'i Akisa niteny taminy hoe: "Tsy i Davida, ilay mpanjakan'ny tany ve ity? Tsy ity ve ilay nifampihirahiran'izy ireo tamin'ny dihy hoe: 'Saoly namono an'arivony, ary Davida namono an'aliny'?"
[12]Noraisin'i Davida am-po izany teny izany ka natahotra mafy an'i Akisa, mpanjakan'i Gata izy. [13]Nanova ny fihetsiny teo anatrehan'izy ireo izy ka nodiany ho very saina teo an-tanan'izy ireo; nanoratsoratra teo amin'ny lela-bavahady izy ary navelany hitsororoka teo amin'ny volom-bavany ny iviny.
[14]Avy eo dia hoy i Akisa tamin'ireo mpanompony hoe: "Indro, hitanareo fa very saina ilay lehilahy. Nahoana no nentinareo eto amiko izy? [15]Tsy ampy olona adala angaha aho, no dia nentinareo eto amiko io mba hanao fihetsika tahaka izao eto anatrehako? Hiditra ao an-tranoko tokoa ve io namana io?"

22 [1]Ary niala tany Davida ka nandositra tao an-dava-baton'i Adolama. Raha nahare izany ireo rahalahiny sy ny ankohonan-drainy rehetra, dia nidina tany aminy izy ireo. [2]Ny olona rehetra izay tao anaty fahoriana, ny olona rehetra izay tao anaty trosa, ary ny olona rehetra izay tsy faly— izy rehetra dia niangona tao aminy. Lasa kapitenin'ny mpiambina teo amin'izy ireo i Davida. Nisy teo amin'ny efa-jato lahy teo no niaraka taminy.
[3]Ary niala teo ho any Mizpa ao Moaba i Davida. Hoy izy tamin'ny mpanjakan'i Moaba hoe: "Mba miangavy re aoka ny raiko sy ny reniko hivoaka hiaraka aminao mandram-pahafantarako izay hataon'Andriamanitra ho ahy." [1][4]Navelany niaraka tamin'ny mpanjakan'i Moaba izy ireo. Ny rainy sy reniny nitoetra niaraka taminy tamin'ny fotoana rehetra naha-tao amin'ny fiarovany mafy an'i Davida. [5]Ary Gada mpaminany niteny tamin'i Davida hoe: "Aza mijanona ao amin'ny fiarovanao mafy. Miaingà ary mandehana any amin'ny tanin'i Joda." Ka dia niala tao Davida ary nandeha tao amin'ny alan'i Hareta.
[6]Ren'i Saoly fa hita niaraka tamin'ireo lehilahy izay niaraka taminy i Davida. Ary nipetraka tany Gibea tambanin'ny hazo tamariska tao Rama i Saoly, niaraka tamin'ny lefony teny an-tanany, ary ny mpanompony rehetra nijoro nanodidina azy.
[7]Hoy i Saoly tamin'ireo mpanompo nitsangana manodidina azy: "Henoy izao, ry vahoakan'i Benjamina, moa ve hanome saha sy tanim-boaloboka ho an'ny tsirairay avy aminareo ny zanaka lahin'i Jese? Moa ve hanao anareo rehetra ho kapitenin'ny tafika an'arivony sy an-jatony izy, [8]ho takalon'ny tetikareo rehetra hanohitra ahy? Tsy nisy taminareo nampahafantatra ahy rehefa nanao fanekena tamin'ny zanaka lahin'i Jese ny zanako lahy. Tsy nisy taminareo nangoraka ahy. Tsy nisy taminareo nampahafantatra ahy fa ny zanako lahy dia namporisika an'i Davida mpanompoko hanohitra ahy. Anio dia miafina sy miandry ahy izy ary mety hanafika ahy."
[9]Ary i Doega Edomita, izay nitsangana teo amin'ireo mpanompon'i Saoly, namaly hoe: "Hitako nankany Noba ny zanaka lahin'i Jese, tao amin'i Ahimeleka zanaka lahin'i Ahitoba. [10]Nivavaka tamin'i Yaveh izy mba hanampiany azy, ary nomeny azy ny vatsy sy ny sabatr'i Goliata Filistina".

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Ary ny mpanjaka naniraka olona mba hiantso an'i Ahimeleka mpisorona zanaka lahin'i Ahitoba sy ny ankohonan-drainy rehetra, ireo mpisorona izay tao Noba. Izy rehetra ireo dia tonga teo amin'ny mpanjaka. [12]Hoy i Saoly: "Henoy ary, ry zanaka lahin'i Ahitoba." Dia namaly izy hoe: "Inty aho, tompoko." [13]Ary hoy i Saoly taminy: "Nahoana ianao no nitetika hanohitra ahy, ianao sy ny zanaka lahin'i Jese, tamin'ny nanomezanao azy mofo, sy sabatra, ary nivavaka tamin'Andriamanitra mba hanampiany azy, mba hitsanganany hanohitra ahy, mba hiafina any amin'ny takona, toy izao ataony androany izao?"
[14]Ary i Ahimeleka namaly ny mpanjaka ka nanao hoe: "Iza tamin'ireo mpanomponao rehetra moa no mahatoky fatratra tahaka an'i Davida, izay vinanto lahin'ny mpanjaka no sady mpiambina anao ihany koa, ary omem-boninahitra ao an-tranonao? [15]Androany angaha no fotoana voalohany nivavahako tamin'Andriamanitra mba hanampiany azy? Sanatria amiko anie izany! Aza mamela ny mpanjaka hanisy na inona na inona amin'ny mpanompony na amin'ny ankohonan-draiko rehetra. Fa ny mpanomponao dia tsy mahalala na inona na inona ny amin'izao raharaha rehetra izao."
[16]Namaly ny mpanjaka hoe: "Tsy maintsy ho faty tokoa ianao, ry Ahimeleka, ianao sy ny ankohonan-drainao rehetra."
[17]Dia niteny tamin'ny mpiambina nitsangana nanodidina azy ny mpanjaka nanao hoe: "Mitodiha ary vonoy ireo mpisoron'i Yaveh. Satria ny tanan'izy ireo ihany koa dia miaraka amin'i Davida, ary satria nahafantatra izy ireo fa nandositra izy, kanefa tsy nanambara izany tamiko. Fa ireo mpanompon'ny mpanjaka nefa dia tsy te-haninjitra ny tanany hamono ireo mpisoron'i Yaveh.
[18]Ary niteny tamin'i Doega ny mpanjaka hoe: "Mitodiha ary vonoy ireo mpisorona. Dia nitodika sy namely ireo mpisorona i Doega Edomita; namono olona dimy amby valopolo izay niakanjo efoda rongony fotsy tamin'izany andro izany izy.
[19]Tamin'ny lelan-tsabatra, no nanafihany an'i Noba, tanànan'ireo mpisorona, na lehilahy na vehivavy, ankizy na zaza, ary ireo omby sy ireo ampondra ary ondry. Namono azy rehetra tamin'ny lelan-tsabatra izy.
[20]Fa iray tamin'ireo zanaka lahin'i Ahimeleka zanaka lahin'i Ahitoba, nantsoina hoe Abiatara, nandositra ary nitsoaka nanaraka an'i Davida. [21]Ary Abiatara niteny tamin'i Davida fa novonoin'i Saoly ireo mpisoron'i Yaveh.
[22]Hoy i Davida tamin'i Abiatara: "Fantatro tamin'iny andro iny, fa raha tao i Doega ilay Edomita, dia tsy maintsy niteny tamin'i Saoly izy. Izaho no tompon'andraikitra tamin'ny fahafatesana rehetra tamin'ny fianakavian-drainao! [23]Mijanòna miaraka amiko ary aza matahotra. Fa ny olona izay mifofo ny ainao dia mifofo ny ahy ihany koa. Ho voaaro ianao miaraka amiko."

---

[a]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taloha misy hoe: "Mba miangavy re aoka ny raiko sy ny reniko mba hitoetra hiaraka aminao," ary ny dikan-teny sasany taty aoriana dia vakiana amin'io fomba io.

---

23 [1]Ary hoy izy ireo tamin'i Davida: "Indro, miady amin'i Keila ny Filistina ary mandroba ireo famoloana." [2]Koa nivavaka tamin'i Yaveh Davida mba hanampy azy ka nanontany Azy hoe: "Tokony handeha hanafika an'ireo Filistina ireo ve aho?" Ary hoy Yaveh tamin'i Davida: "Mandehana ary tafiho ireo Filistina ka vonjeo i Keila."
[3]Ary hoy ireo lehilahin'i Davida taminy: "Indro, matahotra isika eto Joda. Koa mainka fa handeha ho any Keila ka hiady amin'ireo tafiky ny Filistina?" [4]Dia mbola nivavaka tamin'i Yaveh indray Davida mba hanampy azy. Namaly azy Yaveh hoe: "Mitsangàna, midìna mankany Keila. Fa homeko anao ny fandresena ireo Filistina."
[5]Dia nankany Keila i Davida sy ireo lehilahiny ary niady tamin'ireo filistina. Nentiny lavitra ireo biby fiompy ary namely azy ireo tamin'ny famonoana lehibe izy. Ka voavonjin'i Davida ny mponin'ny Keila. [6]Rehefa nandositra tany amin'i Davida tao Keila i Abiatara zanaka lahin'i Ahimeleka, dia nidina niaraka amin'ny efoda teny an-tanany izy.
[7]Ary nambara tamin'i Saoly fa nankany Keila i Davida. Hoy i Saoly: "Efa nomen'Andriamanitra ahy ho eo am-pelatanako izy. Ka voahidy ao izy satria niditra tao amin'ny tanàna misy vavahady sy fefy." [8]Nampiantso ny tafiny rehetra i Saoly mba hiady, hidina ho any Keila, ary hanao fahirano an'i Davida sy ireo lehilahiny. [9]Ary fantatr'i Davida fa manao teti-dratsy hanoherana azy i Saoly. Ary hoy izy tamin'i Abiatara mpisorona hoe: "Ento aty ny efoda."
[10]Dia hoy i Davida: "Ry Yaveh, Andriamanitry ny Israely, efa ren'ny mpanomponao tokoa fa i Saoly dia mitady hankany Keila, mba handringana ny tanàna nohon'ny amiko. [11]Hanolotra ahy ho eo an-tanany ve ny olon'ny Keila? Hidina ve i Saoly, araka ny ren'ny mpanomponao? Ry Yaveh, Andriamanitry ny Israely, mitalaho aminao aho, miangavy re mba teneno ny mpanomponao." Ary hoy Yaveh hoe: "Hidina izy."
[12]Dia hoy i Davida hoe: "Ho atolotry ny olon'i Keila ho eo an-tanan'i Saoly ve izaho sy ireo lehilahiko? Dia hoy Yaveh hoe: "Hanolotra anao izy ireo."
[13]Dia niainga i Davida sy ireo lehilahiny, izay tokony ho teo amin'ny eninjato, ka niala avy tao Keila, ary nandeha nifindrafindra toerana. Nambara tamin'i Saoly fa nandositra avy ao Keila izy, ary najanony ny fanenjehana. [14]Nijanona tao anaty fiarovana mafy tany an'efitra i Davida, teny amin'ny tany havoana tany an'efitr'i Zifa. Nikaroka azy isan'andro i Saoly, nefa Andriamanitra tsy nanolotra azy teo an-tanany.
[15]Ary hitan'i Davida fa nifofo ny ainy i Saoly; ary efa tany an'efitry ny Zifa any Horesa i Davida. [16]Ary Jonatana, zanaka lahin'i Saoly, niainga ka nankany amin'i Davida tany Horesa, ary nankahery ny tanany tao amin'Andriamanitra.
[17]Hoy izy taminy hoe: "Aza matahotra. Fa tsy ho hitan'ny tanan'i Saoly raiko ianao. Ianao no ho mpanjaka eo amin'ny Israely, ary izaho dia ho eo anilanao. Fantatr'i Saoly raiko izany."[18]Nanao fanekena teo anoloan'i Yaveh izy ireo. Dia nijanona tao Horesa i Davida, ary Jonatana nody tany amin'ny fonenany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[19]Ary nanatona an'i Saoly tao Gibea ireo Zifita ka niteny hoe: "Tsy i Davida ve no miafina any aminay ao anatin'ny batery fiarovana mafy any Horesa, any amin'ny havoana Hakila, izay any atsimon'i Jesimona? [20]Ankehitriny midìna, ry mpanjaka! Araka ny sitrakao, midìna! Hanolotra azy ho eo am-pelatananan'ny mpanjaka no anjaranay."
[21]Ary hoy i Saoly: "Yaveh anie hitahy anareo. Fa nangoraka ahy ianareo. [22]Mandehana, ataovy azo antoka kokoa. Fantaro sy tadiavo ny toerana izay hiafenany sy izay nahita azy tany. Nambara tamiko fa fetsy tokoa izy. [23]Ka jereo, ary fantaro ireo toerana rehetra izay hanafenany ny tenany. Dia miverena indray aty amiko hilaza marimarina kokoa, dia hiaraka aminareo hiverina aho. Raha any amin'ny tany izy, dia hokarohiko amin'ireo Joda an'arivony rehetra."
[24]Avy eo nitsangana izy ireo ka nankany Zifa mialohan'i Saoly. Ary tany amin'ny efitry ny Maona i Davida sy ireo lehilahiny, tany Araba atsimon'i Jesimona. [25]Nandeha nitady azy Saoly sy ny lehilahiny. Fa nambara tamin'i Davida izany, ka nidina tany amin'ny tany havoana be vato izy ary nonina tany an'efitry Maona. Rehefa nandre izany i Saoly, dia nanenjika an'i Davida tany an-tany efitr'i Maona izy.
[26]Ary i Saoly nandeha tamin'ny ilan'ny tendrombohitra iray, Davida sy ireo lehilahiny kosa tamin'ny ilany iray hafa. Nandeha faingana i Davida mba hanalavitra an'i Saoly. Raha efa nanodidina an'i Davida sy ny lehilahiny i Saoly sy ny lehilahiny mba haka azy ireo, [27]dia nisy mpitondra teny nanatona an'i Saoly ka hoy izy taminy hoe: "Faingàna ka avia, fa manao fanafihana hanohitra ny tany ireo Filistina."
[28]Dia niverina avy tamin'ny fanenjehana an'i Davida i Saoly ary nandeha nifanandrina tamin'ireo Filistina. Noho izany no niantsoana io toerana io hoe: Vatolampin'ny Fandosirana. [29]Niakatra avy tany Davida ka nonina tao amin'ireo fiarovana mafin'i En-jedy.

24 [1]Rehefa niverina avy nanenjika an'ireo Filistina i Saoly, dia nolazaina taminy hoe: "Any an'efitr'i En-jedy i Davida."
[2]Avy eo i Saoly dia naka lehilahy telo arivo voafantina avy amin'Israely rehetra ary nandeha nitady an'i Davida sy ireo lehilahy teny amin'ny Vatolampin'ireo Osi-Dia.
[3]Nankeo amin'ny valan'ondry teny an-dalana izy, izay nisy zohy iray. Niditra tao mba hanao maloto i Saoly. Ary Davida sy ireo lehilahiny dia nipetraka lavitra tao aoriany tao amin'ny zohy. [4]Hoy ireo lehilahin'i Davida taminy hoe: "Ity no andro izay niresahan'i Yaveh rehefa niteny taminao Izy hoe: 'Hatolotro eo am-pelatananao ireo fahavalonao, mba hanaovanao izay tianao hatao aminy.'" Avy eo Davida nitsangana ary nandady moramora nandroso ka nanapaka ny moron'ny akanjo lavan'i Saoly.
[5]Rehefa afaka izany dia nampahory azy ny fon'i Davida satria nanapaka ny moron'ny akanjo lavan'i Saoly izy. [6]Hoy izy tamin'ireo lehilahiny hoe: "Yaveh anie handrara ny hanaovako izao zavatra izao amin'ny tompoko, ilay voahosotr'i Yaveh, dia ny haninjirako ny tanako aminy, raha mahita fa voahosotr'i Yaveh izy." [7]Dia niteny mafy an'ireo lehilahiny tamin'ireo teny ireo Davida, ary tsy namela azy ireo hamely an'i Saoly. Nitsangana i Saoly, nandao ny zohy, ary nandeha tamin'ny lalany.
[8]Rehefa afaka izany, dia nitsangana ihany koa Davida, nandao ilay zohy, ary niantso an'i Saoly hoe: "Ry mpanjaka tompoko." Rehefa nijery azy avy ao aoriany i Saoly, dia nampiankohoka ny tavany tamin'ny tany i Davida ary naneho fanajana azy. [9]Hoy i Davida tamin'i Saoly hoe: "Nahoana ianao no mihaino ireo lehilahy izay manao hoe: 'Indro, mitady hanao ratsy anao Davida?'
[10]Ankehitriny hitan'ny masonao ny fomba nametrahan'i Yaveh anao teo am-pelatanako tamintsika tao an-johy. Ny sasany nilaza tamiko mba hamono anao, fa namindra fo taminao aho. Hoy aho hoe: 'Tsy haninjitra ny tanako amin'ny tompoko aho; satria voahosotr'i Yaveh izy.' [11]Indro, ry raiko, jereo ny moron-tongotr'akanjo lavanao eo am-pelatanako. Fa ny antony nanapahako ny moron-tongotr'akanjo lavanao sy tsy namonoako anao, dia mba ho fantatrao sy hitanao fa tsy misy ratsy na fivadihana eto am-pelatanako, ary tsy nanota taminao aho, na dia mihaza ny aiko mba hahafaty ahy aza ianao.
[12]Yaveh anie hitsara ahy sy ianao, ary Yaveh anie hamaly faty ahy aminao, fa ny tanako dia tsy tokony hanohitra anao.
[13]Araka ny lazain'ny ohabolan'ny ntaolo hoe: 'Avy amin'ny ratsy fanahy no hiavian'ny faharatsiana.' Fa tsy hanohitra anao ny tanako.
[14]Ho an'iza no nivoahan'ny mpanjakan'Israely? Iza no enjehinao? Alika maty! Parasy! [15]Yaveh anie ho mpitsara sy hanome fitsaràna ahy sy ianao, ary hijery amin'izany, ary hisolo vava ahy sy hamela ahy handositra amin'ny tananao."
[16]Rehefa avy niresaka ireo teny ireo tamin'i Saoly i Davida, dia hoy i Saoly hoe: "Feonao ve izany, ry Davida zanako?" Nanandratra ny feony i Saoly ary nitomany.
[17]Hoy izy tamin'i Davida hoe: "Marina kokoa ianao mihoatra ahy. Satria namaly soa ahy ianao, rehefa namaly ratsy anao aho. [18]Nambaranao ankehitriny ny fomba nanaovanao soa tamiko, satria tsy namono ahy ianao raha nataon'i Yaveh teo an-tananao ny aiko.
[19]Fa raha misy lehilahy mahita ny fahavalony, dia handefa azy am-piadanana ve izy? Yaveh anie hamaly soa anao amin'izay vitanao tamiko anio. [20]Ankehitriny, fantatro fa ho mpanjaka tokoa ianao ary ho apetraka eo am-pelatananao ny fanjakan'Israely.
[21]Mianiana amiko amin'i Yaveh fa tsy hamongotra ireo taranako mandimby ahy ianao, ary tsy hamotika ny anarako hiala amin'ny tranon-draiko." [22]Noho izany dia nanao fianianana tamin'i Saoly i Davida. Avy eo dia nandeha nody i Saoly, fa i Davida sy ireo lehilahiny kosa nandeha niakatra tany amin'ny fiarovana mafy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

25 [1]Ary nodimandry i Samoela. Niara-niangona ny Israely rehetra ary nisaona azy, dia nalevin'izy ireo tany an-tranony tany Rama izy. Dia niainga i Davida ary nidina nankany an'efitr'i Parana.
[2]Nisy lehilahy iray tany Maona, izay tany Karmela ny fananany. Tena nanan-karena ilay lehilahy. Nanana ondry telo arivo sy osy arivo izy. [3]Nanety ny ondriny tany Karmela izy. Nabala no anaran'ilay lehilahy, ary ny anaran'ny vadiny dia Abigaila. Naranin-tsaina ilay vehivavy ary tsara endrika. Fa ilay lehilahy kosa masiaka sady ratsy tamin'ny fitondrany. Taranaky ny ankohonan'i Kaleba izy.
[4]Ren'i Davida tany an'efitra fa nanety ny ondriny i Nabala. [5]Koa dia nandefa tovolahy folo izy. Dia hoy Davida tamin'ireo lehilahy: "Miakara any Karmela, mandehana any amin'i Nabala, ary miarahabà azy amin'ny anarako. [6]Lazaonareo aminy hoe: 'Miveloma anaty fanambinana. Fiadanana anie ho anao ary fiadanana anie ho an'ny ankohonanao, ary fiadanana anie ho an'izay rehetra hanananao.
[7]Reko fa manana mpanety maro ianao. Efa niaraka taminay ireo mpiandry ondrinao, ary tsy mba nanisy ratsy azy ireo izahay, ary tsy nisy na inona na inona tsy ampy tamin'izy ireo fony tany Karmela. [8]Anontanio ny zatovo lahinao, dia ho lazain'izy ireo aminao. Ary avelao ireo zatovo lahiko hahita sitraka eo imasonao, fa tsy maintsy tonga izahay amin'ny andro fety. Mba omeo re na inona na inona hanananao eo an-tananao ho an'ireo mpanomponao ary ho an'i Davida zanaka lahinao.'"
[9]Rehefa tonga ny zatovolahin'i Davida, dia nolazain'izy ireo tamin'i Nabala ho an'i Davida avokoa izany rehetra izany, avy eo dia niandry izy ireo. [10]Namaly ireo mpanompon'i Davida i Nabala nanao hoe: "Iza moa izany Davida, ary iza izany zanaka lahin'i Jese? Nisy mpanompo maro izay nisara-dàlana tamin'ny tompon'izy ireo tamin'izany andro izany. [11]Tokony haka ny mofoko sy ny ranoko ary ny henako izay efa novonoiko ho an'ny mpanetiko ve aho, ary hanome izany ho an'ny olona izay tsy fantatro akory hoe avy aiza?"
[12]Ka dia niverina ary nandeha nody ny zatovolahin'i Davida, ary niteny izay rehetra voalaza taminy. [13]Dia hoy Davida tamin'ireo olony: "Apetaho ny sabatry ny olona tsirairay." Ka dia nametaka ny sabany ny olona tsirairay. Dia nametaka ny sabany ihany koa i Davida. Lehilahy teo amin'ny efajato teo no nanaraka an'i Davida, ary roanjato no nijanona teo akaikin'ny entana.
[14]Fa niresaka tamin'i Abigaila, vadin'i Nabala, ny iray tamin'ireo olona, nanao hoe: "Nandefa iraka maro avy any an'efitra mba hiarahaba ny tomponay i Davida, ary notsiratsirainy izy ireo. [15]Kanefa tena tsara taminay tokoa ny olona. Fa tsy nisy ratsy nanjo anay ary tsy nisy tsy ampy taminay raha mbola nandeha niaraka tamin'izy ireo koa izahay fony tany amin'ireo saha.
[16]Manda ho anay izy ireo na andro na alina, nandritra izay niarahanay tamin'izy ireo niandry ny ondry. [17]Noho izany fantaro izany ary hevero izay ho ataonareo, fa misy ratsy kasaina hatao amin'ny tomponay, sy ny ankohonany. Dia ny ratsy fanahy tokoa izy hany ka tsy misy iray afaka miteny azy."
[18]Avy eo Abigaila naka mofo roanjato faingana, divay roa tavoahangy, ondry voavoatra dimy, fatran-dango maina dimy, mofo voaloboka zato, sy ampempan'aviavy roanjato, ary napetrany teo ambon'ireo boriky ireo. [19]Dia hoy izy tamin'ny zatovolahiny: "Mandehana eo alohako, dia hanaraka anao aho avy eo." Saingy tsy niteny tamin'i Nabala vadiny izy.
[20]Rehefa nitaingina ny borikiny izy dia nidina akaikin'ny havoana, Davida sy ireo olony nidina nankeny aminy, ary nifankahita tamin'izy ireo izy.
[21]Ary niteny Davida hoe: "Tena zava-poana no niambenako izay rehetra nananan'io lehilahy io tany an'efitra, fa tsy nisy na inona na inona very izay rehetra azy, dia novaliany ratsy ny soa nataoko azy. [22]Hanao toy izany amiko anie Andriamanitra, ry Davida, ary mihoatra aza, raha mamela na dia lehilahy iray amin'ireo izay azy aho mandra-maraina."
[23]Rehefa nahita an'i Abigaila i Davida, dia nidina faingana avy eo amin'ny borikiny ary nandohalika sady niondrika ary nampiankohoka ny tenany teo amin'ny tany teo anatrehan'i Davida.[24]Nandohalika teo amin'ny tongony izy ary nanao hoe: "Ho amiko irery ihany, ry tompoko, ny fahamelohana. Avelao re ny mpanomponao mba hiresaka aminao, ary mihainoa ireo tenin'ny mpanomponao.
[25]Aoka tsy hijery an'io Nabala, lehilahy ratsy fanahy io ny tompoko, fa araka ny anarany, dia toy izany ihany izy. Nabala no anarany, ary miaraka aminy ny hadalana. Fa izaho mpanomponao dia tsy nahita ireo zatovolahin'ny tompoko, izay nalefanao. [26]Ankehitriny ary, ry tompoko, raha mbola velona koa i Yaveh, ary raha mbola velona koa ianao, satria narovan'i Yaveh tamin'ny fandatsahan-drà, sy tamin'ny famalian'ny tenanao tamin'ny tananao ihany ianao, dia aoka ireo fahavalonao, sy ireo izay mitady hanao ratsy amin'ny tompoko, ho tahaka an'i Nabala.
[27]Ary aoka ity fanomezana izay efa nentin'ny mpanomponao tamin'ny tompoko ity mba hatolotra ho an'ireo zatovolahy izay manaraka ny tompoko. [28]Mba avelao re ny fahadisoan'ny mpanomponao, fa hanangana fonenana azo antoka ho an'ny tompoko tokoa i Yaveh, satria miady ny adin'i Yaveh ny tompoko; ary ny ratsy dia tsy ho hita eny aminao raha mbola velona koa ianao.
[29]Na dia mitsangana hanenjika mba hanaisotra ny ainao aza ireo lehilahy, dia efa ho fehezin'i Yaveh Andriamanitrao amin'ny fatoran'ny velona ny ain'ny tompoko; ary ho atsipiny ny ain'ireo fahavalonao, eo amin'ny foitran'ny antsamotady.
[30]Dia ho ataon'i Yaveh amin'ny tompoko ireo rehetra nampanantenainy anao, araka ny nanendreny anao ho mpitondra eo amin'ny Israely. [31]Tsy ho enta-mavesatra ho anao—ny nandatsahanao rà tsy manan-tsiny, na nohon'ny nanandraman'ny tompoko hanavotra ny tenany. Fa rehefa hanao soa ho an'ny tompoko i Yaveh, dia tsarovy ny mpanomponao."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[32]Dia hoy i Davida tamin'i Abigaila: "Isaorana anie Yaveh, Andriamanitr'Israely, Izy ilay nandefa anao hihaona amiko anio. [33]Ho tahiana ny fahendrenao, ary ho tahiana ianao, satria efa narovanao tamin'ny fandatsahan-drà sy famaliana faty ny tenako tamin'ny tanako ihany aho!
[34]Fa raha ny marina, raha mbola velona koa i Yaveh, Andriamanitr'Israely, Izy ilay niaro ahy tsy handratra anao, raha tsy nandeha faingana hihaona amiko ianao, dia tsy ho nisy niangana ho an'i Nabala afa-tsy zaza lahy kely iray ny maraina."
[35]Koa dia nandray izay nentiny ho azy avy amin'ny tanany i Davida; hoy izy taminy: "Mandehana am-piadanana any amin'ny ankohonanao; indro, efa nihaino ny feonao aho, ary efa nanaiky anao."
[36]Dia niverina tany amin'i Nabala i Abigaila; indro, nanao fanasana tao an-tranony izy, toy ny fanasan'ny mpanjaka; ary ny fon'ny mpanjaka faly tao anatiny, satria mamo tanteraka izy. Ka tsy niteny na inona na inona izy mandra-parain'ny andro.
[37]Nony maraina, rehefa nisava ny divain'i Nabala, dia nolazain'ny vadiny taminy ireo zavatra ireo; dia nilofika tao anatiny ny fony, ary nanjary toy ny vato izy. [38]Ary folo andro taty aoriana dia namely an'i Nabala i Yaveh ka maty izy.
[39]Rehefa ren'i Davida fa nodimandry i Nabala, dia hoy izy: "Isaorana anie Yaveh, ilay nanala ny faniratsirana ahy avy amin'ny tanan'i Nabala, sy niaro ny mpanompony tamin'ny ratsy. Nampody ny ratsy nataon'i Nabala teo amin'ny lohany ihany izy." Avy eo Davida naniraka ary niresaka tamin'i Abigaila, mba haka azy ho vady. [40]Rehefa tonga tany amin'i Abigaila tany Karmela ireo mpanompon'i Davida, dia niresaka taminy izy ireo ary nanao hoe: "Nandefa anay ho aty aminao i Davida mba haka anao ho vadiny."
[41]Dia nitsangana izy, nampiankohoka ny tavany tamin'ny tany, ary nanao hoe: "Indro, ny mpanompo vavinao dia mpanompo hanasa ny tongotry ny mpanompon'ny tompoko." [42]Dia nitsangana faingana i Abigaila, ary nitaingina ny boriky niaraka tamin'ireo mpanompo vaviny dimy izay nanaraka azy; ary nanaraka ireo irak'i Davida izy ka lasa vadiny.
[43]Dia nalain'i Davida ho vadiny ihany koa Ahinoama Jezirela; dia samy lasa vadiny izy roa.[44]Ary koa, Saoly nanolotra an'i Mikala zanany vavy, vadin'i Davida, ho an'i Palty zanaka lahin'i Laisa, izay avy any Galima.

26 [1]Tonga tany amin'i Saoly tany Gibea ireo Zifita ary niteny hoe: "Tsy miafina any amin'ny lohasahan'i Hakila, izay mifanatrika amin'i Jesimona ve i Davida?" [2]Dia niainga i Saoly ka nidina nankany amin'ny efitr'i Zifa, nitondra lehilahin'Israely voafantina telo arivo niaraka taminy, mba hitady an'i Davida any an-tany efitr'i Zifa.
[3]Nitoby teo amin'ny havoan'i Hakila i Saoly, izay nanatrika an'i Jesimona, teo amoron-dalana. Fa nitoetra tany an'efitra i Davida, ary hitany fa tamy hitady azy tany an'efitra i Saoly. [4]Koa naniraka mpitsikilo i Davida ka nahafantatra fa tena tonga tokoa i Saoly.
[5]Nitsangana i Davida ary nandeha tany amin'ny toerana izay nitobian'i Saoly; hitany ilay toerana nandrian'i Saoly, sy Abnera zanak'i Nera, ilay jeneralin'ny tafiny; nandry tao an-toby i Saoly, ary nitoby nanodidina azy ireo olona, samy sondrian-tory avokoa.
[6]Dia hoy i Davida tamin'i Ahimeleka Hitita, sy tamin'i Abisay zanak'i Zeroia, rahalahin'i Joaba hoe: "Iza no handeha hidina ho any amin'i Saoly ao an-toby miaraka amiko?" Hoy Abisay hoe: "Izaho! Hidina miaraka aminao aho." [7]Koa nankany amin'ny tafika i Davida sy Abisay ny alina. Natory tao an-toby niaraka tamin'ny lefony nitsatoka tamin'ny tany teo akaikin'ny lohany i Saoly. Nandry nanodidina azy i Abnera sy ireo miaramilany. [8]Dia hoy Abisay tamin'i Davida hoe: "Napetrak'Andriamanitra ho eo an-tananao ny fahavalonao anio. Avelao re aho izao hanindrona azy ho amin'ny tany indray mamely monja amin'ny lefona. Tsy hamely azy fanindroany akory aho."
[9]Hoy Davida tamin'i Abisay hoe: "Aza mamono azy; fa iza no afaka maninjitra ny tanany hamely ilay voahosotr'i Yaveh ka tsy ho meloka?" [10]Hoy i Davida hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh, dia Yaveh no hamono azy, na ho tonga ny andro hahafatesany, na handeha hiady izy ka ho faty.
[11]Ho raràn'i Yaveh anie ny haninjirako ny tanako hamely ilay voahosony; fa ankehitriny, miangavy aminao aho, raiso ny lefona izay eo an-dohany sy ny sinin-drano, ary andao andeha." [12]Koa dia nalain'i Davida avy teo an-dohan'i Saoly ilay lefona sy ilay sinin-drano, dia niala izy ireo. Tsy nisy nahita azy ireo na nahalala momba izany, na nisy olona nifoha, fa resin-tory avokoa izy ireo, satria nilatsaka tamin'izy ireo ny torimaso lalina avy amin'i Yaveh.
[13]Dia nandeha teny ampita i Davida ary nijoro teo an-tampon'ny tendrombohitra lavitra teny; nisy halavirana lehibe nanelanelana azy ireo. [14]Nitabataba mafy tamin'ireo vahoaka sy Abnera zanak'i Nera i Davida; hoy izy hoe: "Tsy mamaly ve ianao, ry Abnera?" Dia namaly Abnera ka nanao hoe: "Iza ianao izao miantsoantso ny mpanjaka izao?"
[15]Hoy Davida tamin'i Abnera hoe: "Tsy enao ve ilay lehilahy be herim-po? Iza no tahaka anao eto Israely? Nahoana ary ianao no tsy niambina ny mpanjaka tomponao? Fa nisy olona niditra hamono ny mpanjaka tomponao. [16]Tsy tsara izao zavatra nataonao izao. Raha mbola velona koa Yaveh, dia mendrika ny ho faty ianao satria tsy niambina ny tomponao, dia ilay voahosotr'i Yaveh. Ankehitriny dia jereo izay misy ny lefon'ny mpanjaka sy ny sinin-drano teo akaikin'ny lohany!"
[17]Nahatsiaro ny feon'i Davida i Saoly ka nanao hoe: "Feonao ve izany, ry Davida zanako lahy?" Hoy Davida hoe: "Feoko izany, ry mpanjaka, tompoko." [18]Hoy izy hoe: "Nahoana no manenjika ny mpanompony ny tompoko? Inona re no nataoko? Inona no ratsy eo an-tanako?
[19]Ankehitriny ary, miangavy aminao aho, aoka ny tompoko mpanjaka hihaino ny tenin'ny manompony. Raha Yaveh no nampientana anao hanohitra ahy, aoka Izy hanaiky fanatitra iray; fa raha olombelona izany, dia ho voaozona eo imason'i Yaveh anie izy, fa nandroaka ahy izy ireo androany, mba tsy hifikirako amin'ny lovan'i Yaveh; hoy izy ireo tamiko hoe:

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

'Mandehana manompo andriamani-kafa.' [20]Ankehitriny ary, aza avela ho very eo amin'ny tany lavitry ny fanatrehan'i Yaveh ny ràko; fa efa nivoaka hitady ilay parasy kely iray tahaka ny hihazan'ny olona tsipoy iray any amin'ireo tendrombohitra ny mpanjakan'Israely."
[21]Dia hoy i Saoly hoe: "Nanota aho. Miverena, ry Davida, zanako lahy; fa tsy hanisy ratsy anao intsony aho, satria sarobidy teo imasonao ny aiko androany. Indro, niadaladala aho ary nanao fahadisoana ratsy indrindra."
[22]Namaly i Davida ka nanao hoe: "Indro, ity ny lefonao, ry mpanjaka! Aoka hisy iray amin'ireo tovolahy hiampita ary haka izany ka hitondra izany any aminao. [23]Yaveh anie hamaly ny olona tsirairay nohon'ny fahamarinany sy ny fahatokiany avy; satria nametraka anao teo an-tanako Yaveh androany, saingy tsy namely ny voahosony aho.
[24]Indro, toy ny naha-sarobidy ny ainao teo imasoko androany, dia enga anie ka homen-danja eo imason'i Yaveh tahaka izany ny aiko, ary hanavotra ahy amin'ny fahoriana rehetra anie Izy." [25]Dia hoy i Saoly tamin'i Davida: "Ho tahiana anie ianao, ry Davida zanako! Hanao zavatra lehibe tokoa ianao ary ho ambinina amin'izany." Koa nizotra tamin'ny lalany i Davida, ary niverina tany amin'ny toerany i Saoly.

27 [1]Niteny tao am-pony i Davida hoe: "Ho fatin'ny tanan'i Saoly aho indray andro any; tsy misy soa ho ahy afa-tsy ny mandositra mankany amin'ny tanin'ireo Filistina; tsy hitady ahy eran'ny fari-tanin'ny Israely rehetra intsony i Saoly; amin'izany lalana izany no handosirako hiala amin'ny tanany."
[2]Nitsangana i Davida ary niainga, izy sy ireo lehilahy enin-jato izay niaraka taminy, ho any amin'i Akisy zanak'i Maoka, mpanjakan'i Gata. [3]Nonina niaraka tamin'i Akisy tao Gata i Davida, izy sy ireo lehilahiny, ny lehilahy tsirairay miaraka amin'ny ankohonany avy, ary Davida miaraka amin'ireo vadiny roa, Ahinoama Jerizelita sy Abigaila Karmelita, vadin'i Nabala. [4]Nambara tamin'i Saoly fa nandositra any Gata i Davida, ka tsy nitady azy intsony izy.
[5]Hoy i Davida tamin'i Akisy: "Raha nahita fitia teo imasonao aho, aoka izy ireo hanome toerana ao amin'ny tanàna iray eo amin'ny firenena ho ahy, ka hahafahako monina any: fa nahoana ny mpanomponao no hiara-hitoetra ao an-tanànan'ny mpanjaka miaraka aminao?" [6]Dia nomen'i Akisy azy ny androtr'io Ziklaga; izany no antony nahatonga an'i Ziklaga ho an'ny mpanjakan'i Joda nanomboka tamin'izany andro izany indrindra. [7]Herintaona feno sy efa-bolana no isan'ny andro izay nonenan'i Davida tany amin'ny tanin'ireo Filistina.
[8]Ary toerana maro isan-karazany no notafihan'i Davida sy ireo lehilahiny, nanao fanafihana tany Gesorita, Gizrita, ary Amalekita; satria ireo firenena ireo dia mponina tao amin'ny tany, raha hankany sora, ka hatrany amin'ny tany Egypta ianao. Efa nonina tany izy ireo fahiny. [1] [9]Nanafika ny tany Davida ary tsy nisy navelany ho velona na lehilahy na vehivavy; nentiny ny ondry, ny omby, ny ampondra, ny rameva, ary ny fitafiana; ary niverina ho any amin'i Akisy indray izy.
[10]Dia hoy i Akisy hoe: "Iza no notafihanareo androany?" Dia namaly i Davida hoe: "Ny atsimon'i Joda," na "Ny atsimon'ireo Jaramelita," na "Ny atsimon'ireo Kenita."
[11]Tsy nisy navelan'i Davida ho velona mba ho entina any Gata na lehilahy na vehivavy, fa hoy izy hoe: "Mba tsy hahafahan'izy ireo miteny hoe: 'Manao izao sy izao Davida." Izany no nataony nandritra ny fotoana rehetra nonenany tany amin'ny firenen'ireo Filistina. [12]Nino an'i Davida i Akisy ka nanao hoe: "Efa nataony izay hankahalan'ny Israely vahoakany azy tanteraka; noho izany dia ho mpanompoko mandrakizay izy."

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "ireo Gizrita," izay hita ao amin'ny lahatsoratra Hebreo, ny dikan-teny amin'izao fotoana dia manao hoe: ""Ireo Girizita,"" izay hita eny amin'ny sisin'ny lahatsoratra Hebreo.

---

28 [1]Ary tamin'ireo andro ireo ny Filistina dia nampivondrona ireo tafiny hiady amin'ny Israely. Hoy i Akisy tamin'i Davida: "Fantaro tsara fa hivoaka hiaraka amiko ho any an-toby, ianao sy ireo lehilahinao." [2]Hoy i Davida tamin'i Akisy: "Ho fantatrao izay afaka hataon'ny mpanomponao." Hoy Akisy tamin'i Davida hoe: "Koa hataoko mpiambina ahy raikitra ianao."
[3]Ary maty i Samoela, ary ny Israely rehetra nisaona azy ka nandevina azy tao Rama, tao amin'ny tanàny. Nofongoran'i Saoly tsy ho eo amin'ny tany ihany koa ireo izay niresaka tamin'ny maty na tamin'ireo fanahy. [4]Ary nivondrona niaraka ireo Filistina ary tonga sy nitoby tao Sonema; ary Saoly nampivondrona ireo Israely rehetra, ka nitoby tao Gilboa izy ireo.
[5]Rehefa nahita ny tafik'ireo Filistina i Saoly, dia natahotra izy, ary nihorohoro mafy ny fony. [6]Nitalaho fanampiana tamin'i Yaveh i Saoly, kanefa tsy namaly azy i Yaveh—na tamin'ny nofy, na tamin'i Orima, na tamin'ireo mpaminany. [7]Ary hoy i Saoly tamin'ireo mpanompony: "Hitadiavo vehivavy miresaka amin'ny maty aho, mba hahafahako mankany aminy ary mitady hevitra aminy." Hoy ireo mpanompony taminy: "Indro, misy vehivavy any Andora izay milaza fa miresaka amin'ny maty."
[8]Nanova endrika i Saoly, nanao akanjo hafa, ary nandeha, izy sy ireo lehilahy roa niaraka taminy; nankany amin'ilay vehivavy izy ireo ny alina. Hoy izy: "Mitalaho aminao aho, manaova fiantsoana ny maty ho ahy, miaraka amin'ny fanahy, ary ento miakatra izay anarana lazaiko anao." [9]Hoy ilay vehivavy taminy: "Indro, fantatrao izay nataon'i Saoly, izay namongorany izay miresaka amin'ny maty na amin'ireo fanahy tsy ho eo amin'ny tany. Koa nahoana ianao no mametraka fandrika ho an'ny aiko, mba hahafaty ahy?" [10]Nianiana taminy tamin'ny alalan'i Yaveh i Saoly ka nanao hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh, dia tsy hisy fanasaziana hiatra aminao noho izao zavatra izao."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Ary hoy ilay vehivavy: "Iza no tokony ho entiko miakatra eto aminao?" Hoy i Saoly: "Ento miakatra ho ahy i Samoela."
[12]Raha nahita an'i Samoela ilay vehivavy, dia nihiaka mafy izy ary niresaka tamin'i Saoly nanao hoe: "Nahoana ianao no namitaka ahy? Fa Saoly ianao."
[13]Hoy ny mpanjaka taminy: "Aza matahotra. Inona no hitanao?" Hoy ilay vehivavy tamin'i Saoly: "Mahita andriamanitra miakatra avy ao amin'ny tany aho." [14]Hoy izy taminy: "Tahaka ny ahoana ny endriny?" Hoy izy: "Lehilahy antitra no avy miakatra; manao akanjo lava izy." Fantatr'i Saoly fa i Samoela izany, ka nampiankohoka ny tavany tamin'ny tany izy ary naneho fanajana.
[15]Hoy Samoela tamin'i Saoly: "Nahoana ianao no nanakorontana ahy ka nitondra ahy niakatra?" Saoly namaly hoe: "Ory loatra aho, satria ireo Filistina dia miantsy ady hanohitra ahy, ary Andriamanitra nandao ahy ary tsy namaly ahy intsony, na tamin'ireo mpaminany, na tamin'ireo nofy. Noho izany dia niantso anao aho, mba hahafahanao mampahafantatra ahy izay tokony ataoko."
[16]Hoy i Samoela: "Inona ary no anontanianao ahy, satria nandao anao Yaveh, ary tonga fahavalonao Izy? [17]Nataon'i Yaveh taminao izay efa nolazainy hataony. Efa nanatsoaka ny fanjakana tsy ho eo an-tananao izy ary nanome izany ho an'olon-kafa—ho an'i Davida.
[18]Satria ianao tsy nankatoa ny feon'i Yaveh ary tsy nitondra ny firehetan'ny fahatezerany tamin'ny Amalekita, dia nataony taminao izany androany. [19]Ankoatra izany, i Yaveh dia hanolotra anao sy ny Israely ho eo an-tanan'ireo Filistina. Rahampitso ianao sy ireo zanakao lahy dia hiaraka amiko. Hatolotr'i Yaveh ho eo an-tanan'ireo Filistina ihany koa ny tafik'Israely."
[20]Avy hatrany dia lavo niampatra tamin'ny tany i Saoly ary tena natahotra izy noho ireo tenin'i Samoela. Tsy nisy hery tao anatiny, satria tsy nihinan-kanina izy nandritra ny andro tontolo, na tamin'ny alina tontolo. [21]Nankeo amin'i Saoly ilay vehivavy ary nahita fa tena nikorontan-tsaina izy, hoy izy taminy: "Indro, ny mpanompovavinao efa nihaino ny feonao; efa napetrako teo am-pelatanako ny aiko ary efa nihaino ireo teninao izay nambaranao tamiko.
[22]Koa ankehitriny, mitalaho aminao aho, henoy ihany koa ny feon'ny mpanompovavinao, ary avelao aho hametraka sakafo kely eo anoloanao. Mihinàna mba hahazoanao hery rehefa handeha amin'ny lalanao ianao." [23]Fa i Saoly nandà ary niteny hoe: "Tsy hihinana aho." Fa ireo mpanompony, niaraka tamin'ilay vehivavy, nanery azy, ka dia nihaino ny feon'izy ireo izy. Koa nitsangana avy eo amin'ny tany izy ary nipetraka teo am-pandriana.
[24]Nanana zanak'omby nifahy tao an-tranony ilay vehivavy; nandeha haingana izy ary namono izany; naka koba izy, nanafangaro izany, ary nanendy ny mofo tsy misy lalivay niaraka tamin'izany. [25]Nentiny teo anoloan'i Saoly sy ireo mpanompony izany, ary nihinana izy ireo. Ary nitsangana izy ireo ka lasa ny alin'iny.

29 [1]Ary namory ireo tafiny rehetra tao Afeka ireo Filistina; [2]nitoby teo akaikin'ny loharano izay tany Jezirela ireo Israelita. Nozarain'ireo andrian'ny Filistina an-jatony sy an'arivony ny miaramila; Davida sy ireo olony nandeha avy teo amin'ny mpiambina ny vodilalana niaraka tamin'i Akisy.
[3]Ary hoy ireo andrian'ny Filistina: "Inona no ataon'ireo Hebreo ireo aty?" Hoy Akisy tamin'ireo andrian'ny Filistina hafa: "Fa tsy i Davida ve io, ilay mpanompon'i Saoly, mpanjakan'Israely, izay efa niaraka tamiko tamin'ireny andro ireny, na tamin'ireny taona ireny akory aza, ary tsy nahita fahadisoana taminy aho hatramin'izay niarahany tamiko ka hatramin'ny androany?"
[4]Nefa ireo andrian'ny Filistina dia tezitra taminy; hoy izy ireo taminy: "Alefaso mandeha any izany lehilahy izany, aoka izy hiverina any amin'ny toerany izay nomenao azy; aza avela mandeha miaraka amintsika ho any amin'ny ady izy, mba tsy ho lasa fahavalontsika amin'ny ady izy. Fa ahoana no ahafahan'io namana io hihavana amin'ny tompony? Moa ve tsy amin'ny alalan'ireo lohan'ny olontsika?
[5]Moa ve tsy io i Davida ilay nifampihiran'izy ireo tamim-pandihizana, nanao hoe: 'Nahafaty an'arivony i Saoly, ary Davida nahafaty an'aliny'?"
[6]Ary Akisy niantso an'i Davida ka nanao taminy hoe: "Raha mbola velona koa i Yaveh, dia tsara ianao, ary sitrako ny miara-mivoaka sy miaraka aminao ao amin'ny tafika; fa tsy mbola nahita fahadisoana taminao aho hatramin'ny andro nahatongavanao taty amiko ka hatramin'ny androany. Na dia izany aza, dia tsy ankasitrahin'ireo andriana ianao. [7]Koa ankehitriny miverena ary mandehana am-piadanana, mba tsy hampatezitra ireo andrian'ny Filistina ianao."
[8]Hoy i Davida tamin'i Akisy: "Fa inona no nataoko? Inona no hitanao tamin'ny mpanomponao hatramin'izay naha-teo anatrehanao ahy ka hatramin'ny androany, no dia tsy afaka mandeha miady hanohitra ireo fahavalon'ny tompoko mpanjaka aho?" [9]Namaly i Akisy ka nanao tamin'i Davida hoe: "Fantatro fa tsy manan-tsiny tahaka ny anjelin'Andriamanitra eo imasoko ianao; na dia izany aza, ireo andrian'ny Filistina efa nanao hoe: 'Tsy mahazo miakatra miaraka amintsika ho any amin'ny ady izy.'
[10]Koa ankehitriny mifohaza maraim-be miaraka amin'ireo mpanompon'ny tomponao izay tonga niaraka taminao; vantany vao mifoha ianao ny maraim-be ary mazava ny andro, dia mandehana." [11]Ary Davida nifoha maraim-be, izy sy ireo olony, mba hiala maraina, mba hiverina any amin'ny tanin'ny Filistina. Nefa ireo Filistina niakatra tany Jezirela.

30 [1]Ary rehefa tonga tany Ziklaga i Davida sy ireo olony tamin'ny andro fahatelo, dia nanafika teo amin'ny Negeva sy teo amin'i Ziklaga ireo Amalekita. Nanafika an'i Ziklaga izy ireo, ary nandoro izany, [2]ary nisambotra ireo vehivavy sy ny

olona rehetra izay tao amin'izany, na kely na lehibe. Tsy namono na iza na iza izy ireo, fa nitondra azy ireo raha nandeha tamin'ny lalany.
[3]Rehefa nankany amin'ilay tanàna i Davida sy ireo olony, dia efa may izany, ary ireo vadiny, ireo zanany lahy, sy ireo zanany vavy dia nalaina ho babo. [4]Avy eo dia nampiaka-peo i Davida sy ireo olona niaraka taminy ary nitomany mandra-paha-tsy nisian'ny hery hitomaniana intsony.
[5]Voababo ireo vadin'i Davida roa, Ahinoama Jezeralita, ary Abigaila vadin'i Nabala Karmelita. [6]Ory tanteraka i Davida, satria niresaka momba ny hitoraham-bato azy ny vahoaka, satria mangidy ara-panahy ny vahoaka rehetra, ny olona tsirairay noho ny amin'ireo zanany lahy sy ireo zanany vavy; fa Davida nanatanjaka ny tenany tamin'i Yaveh, Andriamaniny.
[7]Hoy i Davida tamin'i Abiatara zanak'i Ahimeleka, ilay mpisorona: "Miangavy aminao aho, ento aty amiko ilay efoda." Dia nentin'i Abiatara teo amin'i Davida ilay efoda. [8]Nangataka torolalana tamin'i Yaveh i Davida, nanao hoe: "Raha manenjika io antoko io aho, ho azoko ve izy ireo?" Ary Yaveh namaly azy: "Enjeho, fa azo antoka fa ho azonao tokoa izy ireo, ary azo antoka fa hamerina ny zavatra rehetra ianao."
[9]Dia nandeha i Davida, izy sy ireo eninjato lahy izay niaraka taminy; ary tonga tany amin'ny reniranon'i Besora izy ireo, izay nijanon'ireo izay taraiky tany aoriana. [10]Fa nanohy ny fanejehana i Davida, izy sy ireo efajato lahy; fa ny roanjato nijanona tao aoriana, izay tena osa ka tsy afaka ny handeha eo amin'ny lohasahan-driakan'i Besora.
[11]Nahita Egyptiana iray teny an-tsaha izy ireo ary nitondra azy tany amin'i Davida; nomen'izy ireo mofo izy, ary nihinana; nomen'izy ireo rano ho sotroina izy; [12]ary nomen'izy ireo ampahana mofomamin'aviavy sy sampam-boaloboka roa izy. Rehefa nihinana izy, dia nahazo hery indray, satria tsy nihinana mofo na nisotro rano nandritra ny telo andro sy telo alina izy.
[13]Hoy i Davida taminy: "An'iza moa ianao? Avy aiza ianao?" Dia hoy izy: "Tovolahin'i Egypta aho, mpanompona Amalekita iray; nandao ahy ny tompoko satria narary aho telo andro lasa izay. [14]Nanafika an'i Negevan'i Keretita izahay, sy izay an'i Joda, ary Negevan'i Kaleba, ary nodoranay i Ziklaga."
[15]Hoy i Davida taminy: "Hitondra ahy hidina any amin'ny antoko mpanafika ve ianao?" Hoy ilay Egyptiana: "Mianiàna amiko amin'Andriamanitra mba tsy hamononao ahy na hamadihanao ahy eo am-pelatanan'ny tompoko, dia hitondra anao hidina amin'izany antoko mpanafika izany aho."
[16]Rehefa nitondra an'i Davida nidina ilay Egyptiana, dia niparitaka teo amin'ny tany rehetra ireo mpanafika, nihinana sy nisotro ary nandihy noho ireo babo rehetra izay nalan'izy ireo tamin'ny tanin'ireo Filistina ary tamin'ny tanin'i Joda.
[17]Nanafika azy ireo i Davida nanomboka ny hariva ka hatramin'ny harivan'ny andro manaraka. Tsy nisy na olona iray aza tafatsoaka afa-tsy ireo tovolahy efajato, izay nitaingina rameva ka nandositra.
[18]Dia tafaverin'i Davida izay nalain'ireo Amalekita rehetra; ary voavotr'i Davida ireo vadiny roa. [19]Tsy nisy zavatra tsy ampy, na kely na lehibe, na ireo zanany lahy na ireo zanany vavy, na ireo babo, na ny zavatra rehetra izay nobaboin'ireo mpanafika ho azy ireo. Naverin'i Davida ny zavatra rehetra. [20]Nalain'i Davida ireo ondry aman'osy rehetra sy ireo omby, izay nentin'ireo olona nialoha ny biby fiompy hafa. Hoy izy ireo hoe: "Ireo no babon'i Davida."
[21]Tonga tany amin'ireo olona roanjato izay tena osa raha hanaraka azy i Davida, ireo izay nataon'ireo hafa nijanona tany amin'ny reniranon'i Besora. Ireo lehilahy ireo dia nandroso mba hihaona amin'i Davida sy ireo vahoaka niaraka taminy. Rehefa tonga teo amin'ireo olona ireo i Davida, dia niarahaba azy ireo izy. [22]Ireo olona ratsy fanahy sy ireo namana tsy misy ilàna azy teo amin'ireo izay efa nandeha niaraka tamin'i Davida nilaza hoe: "Satria tsy nandeha niaraka tamintsika ireo lehilahy ireo, dia tsy hanome azy ireo babo izay efa azontsika isika. Raha tsy hoe afaka maka ny vadiny sy ireo zanany ireo lehilahy tsirairay, ka mitarika azy ireo, ary mandeha."
[23]Ary hoy i Davida: "Tsy tokony hanao izany, amin'izay efa nomen'i Yaveh antsika, ianareo ry rahalahiko. Efa narovany isika ary efa natolony teo an-tanàntsika ireo mpanafika izay tonga nanohitra antsika. [24]Iza no hihaino anao amin'izany tranga izany? Fa ny fizarana dia ho an'izay mandeha amin'ny ady, sy ho an'ny olona izay miandry ny entana ihany koa; fa hizara mitovy izy ireo." [25]Dia toy izany ny tamin'izany andro izany ka hatramin'izao, satria nataon'i Davida ho didy sy lalàna ho an'ny Israely izany.
[26]Rehefa tonga tany Ziklaga i Davida, dia nandefa ny sasany tamin'ireo babo ho an'ireo loholon'i Joda, ho an'ireo namany izy, nanao hoe: "Indro, inty misy fanomezana ho anao avy amin'ilay babo avy amin'ireo fahavalon'i Yaveh." [27]Nandefa ny sasany tany amin'ireo loholona izay any Betela ihany koa izy, ary ho an'ireo izay tany Ramotan'ny atsimo, sy ho an'ireo izay any Jatira, [28]ary ho an'ireo izay any Aroera, sy ho an'ireo izay any Sifmota, ary ho an'ireo izay any Estemoa.
[29]Nandefa ny sasany tany amin'ireo loholona izay any Rakala, sy ireo izay any amin'ny tanànan'i Jeramelita, ary ireo izay any amin'ny tanànan'ireo Kenita, [30]ary ho an'ireo izay any Horma, sy ireo izay any Korsana, ary ho an'ireo izay any Ataka, [31]sy ireo izay any Hebrona, ary amin'ireo toerana rehetra izay nandehanan'i Davida sy ireo olony matetika izy.

31 [1]Ary ireo Filistina niady nanohitra an'Israely. Ary ny lehilahin'Israely nandositra teo alohan'ny Filistina ary lavo maty teo amin'ny Tendrombohitr'i Gilboa. [2]Ireo Filistina nanenjika akaiky an'i Saoly sy ireo zanany lahy. Novonoin'ireo Filistina i Jonatana, Abinadaba, ary i Malkisoa, zanany lahy. [3]Niha-henjana teo anatrehan'i Saoly ny ady, ary ireo mpandefa zana-tsipìka nahavoa azy. Tao anatin'ny fanaintainana mafy izy nohon'ny amin'izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Ary hoy i Saoly tamin'ny mpitondra ny fiadiany: "Avoahy ny sabatrao ary trobahy amin'izany aho. Raha tsy izany, ireo tsy voafora ireo no ho tonga ka hanararaotra ahy." Fa tsy nanao izany ilay mpitondra ny fiadiany, satria natahotra mafy izy. Koa nalain'i Saoly ny sabany ary nianjera tambon'izany izy. [5]Rehefa hitan'ny mpitondra ny fiadiany fa maty i Saoly, dia nianjera tambonin'ny sabany tahaka izany koa izy ka maty niaraka taminy. [6]Ka dia maty i Saoly, ireo zanany telo lahy, ary ny mpitondra ny fiadiany—ireo lehilahy ireo dia niara-maty tamin'iny andro iny ihany.
[7]Rehefa hitan'ny lehilahin'Israely izay teny ampitan'ny lohasaha, sy ireo izay teny an-dafin'i Jordana, fa nandositra ny lehilahin'Israely, ary maty i Saoly sy ireo zanany lahy, dia nandao ny tanànany ary nandositra izy ireo, ary tonga ireo Filistina ka nonina teo amin'ireo. [8]Ary ny ampitson'iny, rehefa tonga hanaisotra ireo faty ireo Filistina, no nahita ireo an'i Saoly sy ireo zanany telo lahy lavo teo amin'ny tendrombohitra Gilboa.
[9]Notapahan'izy ireo ny lohany ary nendahiny ny fiadiany, ary nandefa ireo mpitondra hafatra nanerana ireo tanin'ireo Filistina mba hitondra ny vaovao any amin'ny tempolin-tsampin'izy ireo sy any amin'ny vahoaka izy ireo. [10]Napetrak'izy ireo tao amin'ny tempolin'i Astarta ny fiadiany, ary ny vatany nofeheziny teo amin'ny mandan'ny tanànan'i Beti-sana.
[11]Rehefa nandre izay nataon'ireo Filistina tamin'i Saoly ny mponin'i Jabesy Gileada, [12]dia nitsangana ireo lehilahy mpiady rehetra ary nandeha ny alina manontolo ka naka ny fatin'i Saoly sy ny fatin'ireo zanany lahy teo amin'ny mandan'i Beta-sana. Nankany Jabesa izy ireo ary nodorany teo ireo. [13]Ary nalain'izy ireo ny taolan'izy ireo avy eo ka nalevina tambanin'ny hazo tamariska tao Jabesy, ary nifady hanina nandritra ny fito andro izy ireo.

2 Samoela

1 [1]Taorian'ny nahafatesan'i Saoly, dia niverina avy any amin'ny fanafihana an'ireo Amalekita i Davida ary nijanona tao Ziklaga nandritra ny roa andro. [2]Tamin'ny andro fahatelo, dia nisy lehilahy iray niaraka tamin'ny fitafiany rotidrotika sy loto teo amin'ny lohany no tonga avy tany amin'ny tobin'i Saoly. Rehefa tonga teo amin'i Davida izy dia niankohoka tamin'ny tany ary nanondrika ny tenany.
[3]Hoy Davida taminy hoe: "Avy aiza ianao?" Namaly izy hoe: "Nitsoaka avy tany amin'ny tobin'Israely aho." [4]Hoy Davida taminy hoe: "Lazao ahy re ny fisehoan'izany zavatra izany." Namaly izy hoe: "Nandositra tamin'ny ady ireo vahoaka. Maro no lavo ary maro no maty. Saoly sy Jonatana zanany lahy ihany koa dia maty." [5]Hoy Davida tamin'ilay tovolahy hoe: "Ahoana no hahafantaranao fa maty Saoly sy Jonatana zanany?"
[6]Namaly ilay tovolahy hoe: "Kisendrasendra no naha-teo amin'ny Tendrombohitr'i Gilboa ahy, ary indro Saoly nitehina tamin'ny lefony, ary ireo kalesy sy ireo mpitaingina azy dia teo am-pisamborana azy. [7]Nihodikodina Saoly ary nahita ahy ka niantso mafy ahy. Dia namaly aho hoe: 'Inty aho.'
[8]Hoy izy tamiko hoe: 'Iza ianao?' Namaly azy aho hoe: 'Amalekita aho.' [9]Hoy izy tamiko hoe: 'Mitsangàna re eto akaikiko ary vonoy aho, fa fahoriana lehibe no manjo ahy, kanefa mbola ato amiko ny aina.' [10]Noho izany dia nanatona teo aminy aho ary namono azy, satria fantatro fa tsy ho velona izy taorian'ny nahalavo azy. Avy eo dia nalaiko ny satro-boninahitra izay teo amin'ny lohany sy ny fehin-tanana teo amin'ny sandriny, ary ireo nentiko eto aminao ireo, ry tompoko."
[11]Avy eo dia nandrovitra ireo fitafiany i Davida, ary nanao toy izany koa ireo olona rehetra niaraka taminy. [12]Nisaona izy ireo, nitomany, ary nifady hanina ho an'i Saoly mandrapa-hariva, ho an'i Jonatana zanany lahy, ho an'ireo vahoakan'i Yaveh, ary ho an'ny ankohonan'Israely satria lavo tamin'ny sabatra izy ireo. [13]Hoy Davida tamin'ilay tovolahy hoe: "Avy aiza ianao?" Namaly izy hoe: "Zanaky ny vahiny iray eo amin'ny tany aho, Amalekita iray."
[14]Hoy Davida taminy hoe: "Nahoana ianao no tsy natahotra namono ny mpanjaka voahosotr'i Yaveh tamin'ny tananao ihany?" [15]Niantso ny iray tamin'ireo tovolahy i Davida ary niteny hoe: "Mandehana ary vonoy izy." Koa nandeha izany lehilahy izany ary namely azy, ka maty ilay Amalekita. [16]Avy eo dia niteny tamin'ny fatin'ilay Amalekita i Davida hoe: "Eo amin'ny lohanao ny ránao satria ny vavanao ihany no vavolombelona nanohitra anao ary nanao hoe: 'Namono ny mpanjaka voahosotr'i Yaveh aho.'"
[17]Avy eo dia nihira ity hira fisaonana momban'i Saoly sy Jonatana zanany lahy ity i Davida. [18]Nibaiko ny vahoaka izy mba hampianatra izany Hiran'ny Tsipîka izany an'ireo zanaka lahin'i Joda, izay voasoratra ao amin'ny Bokin'i Jasara. [19]"Ny voninahitrao, ry Israely, dia maty, voavono teo amin'ny toeranao avo! Endrey ny fahalavòn'ilay mahery! [20]Aza lazaina ao Gata izany, aza ambara eny amin'ireo lalan'i Askelona, mba tsy ho afaka hifaly ireo zanaka vavin'ny Filistina, mba tsy hankalaza ireo zanaka vavin'ny tsy voafora.
[21]Ry Tendrombohitr'i Gilboa, tsy hisy ando sy orana anie eo aminao, na saha manome voa ho fanatitra, satria teo ny fiarovan'ilay mahery no voaloto. Ny fiarovan'i Saoly dia tsy voahosotra amin'ny menaka intsony. [22]Avy amin'ny rán'ireo izay voavono, avy amin'ny fatin'ireo mahery, dia tsy niverina ny tsipîkan'i Jonatana, ary tsy niverim-poana ny sabatr'i Saoly.
[23]Saoly sy Jonatana dia tiana sy mpamindra fo teo amin'ny fiainana, ary tsy nosarahina izy ireo tamin'ny fahafatesan'izy ireo. Malaika noho ny voromahery izy ireo, natanjaka noho ny liona. [24]Ianareo ry zanaka vavin'Israely, mitomania an'i Saoly, izay nampitafy jaky sy firavaka anareo, ary izay nametaka firavaka volamena teo amin'ny akanjonareo.
[25]Endrey ny fahalavon'ilay mahery teo afovoan'ny ady! Novonoina teo amin'ny toeranao avo i Jonatana. [26]Ory nohon'ny aminao aho, ry Jonatana rahalahiko. Tena malala tamiko ianao. Mahatalanjona ny fitiavanao ahy, mihoatra noho ny fitiavan'ireo vehivavy. [27]Endrey ny fahalavon'ilay mahery, sy ny fahalevonan'ireo fitaovam-piadian'ny ady!"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

2 [1]Taorian'izany dia nanontany an'i Yaveh i Davida ary niteny hoe: "Tokony hiakatra any amin'ny iray amin'ireo tanànan'i Joda ve aho?" Namaly azy i Yaveh hoe: "Miakàra." Hoy i Davida hoe: "Any amin'ny tanàna aiza no tokony halehako?" Dia namaly Yaveh hoe: "Any Hebrona." [2]Noho izany dia niakatra niaraka tamin'ireo vadiny roa i Davida, dia i Ahinoama avy any Jezirelita, sy Abigaila avy any Karmela, ilay mpitondratena navelan'i Nabala. [3]Nitondra ireo olona izay niaraka taminy, izay samy nitondra ny fianakaviany avy, ho any amin'ireo tanànan'i Hebrona, izay nanomboka nonenan'izy ireo i Davida.
[4]Avy eo tonga ireo lehilahy avy any Joda ary nanosotra an'i Davida ho mpanjaka eo amin'ny ankohonan'i Joda. Hoy izy ireo tamin'i Davida hoe: "Ireo olon'i Jabesi-gileada no nandevina an'i Saoly." [5]Noho izany dia naniraka mpitondra hafatra ho any amin'ireo olon'i Jabesi-gileada i Davida ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Tahian'i Yaveh ianareo, satria ianareo dia nampiseho izany tsy fivadihana izany tamin'i Saoly tomponareo sy nandevina azy.
[6]Ankehitriny haneho fanekem-pihavanana tsy mivadika sy fahatokiana aminareo anie Yaveh. Izaho ihany koa dia haneho izany fahatsarana izany aminareo satria nanao izany zavatra izany ianareo. [7]Koa ankehitriny ary, aoka hatanjaka ny tananareo; manàna herim-po fa maty i Saoly tomponareo, ary ny fokon'i Joda nanosotra ahy ho mpanjaka eo amin'izy ireo."
[8]Fa Abnera zanaka lahin'i Nera, mpifehy ny tafik'i Saoly, dia naka an'Isboseta zanaka lahin'i Saoly ary nitondra azy tany Mahanaima. [9]Nanao an'Isboseta ho mpanjakan'i Gileada, Asorita, Jezirela, Efraima, Benjamina, ary amin'Israely rehetra izy.
[10]Efapolo taona Isboseta zanaka lahin'i Saoly no nanomboka nanjaka teo amin'Israely, ary nanjaka nandritra ny roa taona izy. Fa nanaraka an'i Davida ny fokon'i Joda. [11]Fito taona sy enim-bolana ny fotoana nanjakan'i Davida tamin'ny fokon'i Joda tao Hebrona.
[12]Abnera zanaka lahin'i Nera, ary ireo mpanompon' Isboseta zanaka lahin'i Saoly, dia niala tao Mahanaima ho any Gibeona. [13]Ary Joaba zanaka lahin'i Zeroia sy ireo mpanompon'i Davida dia nivoaka ary nihaona tamin'izy ireo teo amin'ny farihin'i Gibeona. Teny izy ireo no nipetraka, ny vondrona iray teo ankilan'ny farihy ary ny vondrona iray hafa teo andaniny.
[14]Hoy Abnera tamin'i Joaba hoe: "Aoka hitsangana sy hifaninana eo anoloantsika ireo tovolahy." Dia hoy Joaba hoe: "Aoka hitsangana izy ireo." [15]Dia nitsangana sy niara-niangona ireo tovolahy, roa ambin'ny folo avy tamin'i Benjamina sy Isboseta zanak'i Saoly, ary roa ambin'ny folo avy tamin'ireo mpanompon'i Davida.
[16]Ny lehilahy tsirairay dia samy nisambotra ny mpifanandrina taminy tamin'ny lohany sy nanatsatoka ny sabany teo amin'ny andilan'ny mpifanandrina taminy, ary dia niara-lavo izy ireo. Koa dia nantsoina tamin'ny teny Hebreo hoe: "Helkata-hazorima" na "Sahan-tsabatra" izany toerana izany, izay any Gibeona. [17]Tena mafy ny ady tamin'io andro io ary resy teo anoloan'ireo mpanompon'i Davida i Abnera sy ireo lehilahin'Israely.
[18]Teo ireo zanak'i Zeroia telo lahy: Joaba, sy Abisay, ary Asahela. Ny tongotr'i Asahela dia haingam-pandeha tahaka ny gazela-dia. [19]Ary Asahela nanenjika akaiky an'i Abnera sy nanaraka azy tsy nivilivily tamin'ny lalany rehetra.
[20]Nijery ny tao aoriany Abnera ary nanao hoe: "Ianao ve io ry Asahela?" Namaly izy hoe: "Izaho ity." [21]Dia hoy Abnera taminy hoe: "Mivilia any amin'ny ankavananao na ny ankavianao, ary misambora iray amin'ireo tovolahy ka alaivo ny fiadiany." Fa tsy nivily Asahela.
[22]Dia hoy indray Abnera tamin'i Asahela hoe: "Ajanony ny fanenjehana ahy. Nahoana aho no tokony hamely anao amin'ny tany? Ataoko ahoana ny hanatri-tava an'i Joaba, rahalahinao?" [23]Fa tsy nanaiky ny hivily i Asahela, ary dia notrobaran'i Abnera ny antsin-defony ny vatany, ka nivoaka avy tao an-damosiny ilay lefona. Nikarapoka ary maty teo Asahela. Koa izay olona tonga teo amin'ilay toerana izay nampikarapoka sy nahafaty an'i Asahela, dia nijanona sy tsy nihetsika teo.
[24]Fa nenjehan'i Joaba sy Abisay i Abnera. Rehefa nilentika ny masoandro, dia tonga teo amin'ny havoan'i Ama, izay akaikin'i Gia eo amoron'ny lalana mankany amin'ny efitr'i Gibeona izy ireo. [25]Niara-niangona tao aorian'i Abnera ireo lehilahin'i Benjamina ary nitsangana teo an-tampon'ilay havoana.
[26]Avy eo dia niantso an'i Joaba i Abnera ary niteny hoe: "Tsy maintsy handrapaka mandrakizay ve ny sabatra? Tsy fantatrao ve fa hangidy izany any amin'ny farany? Mandra-pahoviana ianao vao hiteny ny olonao mba hitsahatra tsy hanenjika ny rahalahiny izy ireo? [27]Dia namaly Joaba hoe: "Raha mbola velona koa Andriamanitra, raha tsy niteny izany ianao, dia ho nanenjika ireo rahalahin'izy ireo mandra-maraina ireo miaramilako!"
[28]Dia nitsoka ny anjomara Joaba, ary nijanona ny olony rehetra ka tsy nanenjika ny Israely intsony, na niady intsony izy ireo. [29]Nanditra izany alina izany dia nandeha namakivaky an'i Arabà i Abnera sy ny olony. Niampita an'i Jordana izy ireo, nandeha nandritra ny ampitso maraina tontolo, ary dia tonga tao Mahanaima.
[30]Niverina avy nanenjika an'i Abnera i Joaba. Nanangona ny olony rehetra izy, ka i Asahela sy miaramila sivy ambin'ny folo avy amin'i Davida no tsy teo. [31]Fa ireo olon'i Davida dia namono 360 lahy tamin'ny olon'i Benjamina izay niaraka tamin'i Abnera. [32]Avy eo dia nalain'izy ireo i Asahela ary naleviny tao amin'ny fasan-drainy, izay tao Betlehema. Ary Joaba sy ireo olony nandeha ny alina tontolo, ary vao nangiran-dratsy izy ireo no tonga tao Hebrona.

3 [1]Ary nisy ady lava reny teo amin'ny ankohonan'i Saoly sy ny ankohonan'i Davida. Nihanahery hatrany i Davida, fa ny ankohonan'i Saoly kosa dia nihaosa hatrany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[2]Niteraka zazalahy tao Hebrona i Davida. Ny lahimatoany dia i Amnona, tamin'i Ahinoama avy any Jezraela. [3]Ny zanany lahy faharoa, dia i Kileaba, naterak'i Abigaila, ilay mpitondratena navelan'i Nabala avy any Karmela. Ny fahatelo, dia i Absaloma, zanaka lahin'i Maka, zanaka vavin'i Talmay, mpanjakan'i Gesora.
[4]Ny zanaka lahin'i Davida fahefatra, dia i Adonia, zanaka lahin'i Hagita. Ny zanaka lahiny fahadimy dia i Sefatia zanaka lahin'i Abitala, [5]ary ny fahenina dia i Jitreama, zanaka lahin'i Egla vadin'i Davida. Ireo no zanaka lahy naterak'i Davida tao Hebrona.
[6]Ary nandritra ny ady teo amin'ny ankohonan'i Saoly sy ny ankohonan'i Davida dia niha-nahery tao an-tokantranon'i Saoly i Abnera. [7]Saoly dia nanana vaditsindrano antsoina hoe Rizpa, zanaka vavin'i Aia. Hoy Isboseta tamin'i Abnera hoe: "Nahoana ianao no niara-nandry tamin'ny vaditsindranon-draiko?"
[8]Ary dia tezitra mafy tamin'ny tenin'Isboseta i Abnera ka niteny hoe: "Lohan'amboa izay an'i Joda ve aho? Anio aho dia maneho fahatokiana amin'ny ankohonan'i Saoly, razambenao, amin'ireo rahalahiny, ary amin'ireo namany, mba tsy hanolotra anareo eo an-tanan'i Davida. Fa ankehitriny ianao dia miampanga ahy ny amin'ny fanaovan-dratsy mahakasika ity vehivavy ity?
[9]Ho ataon'Andriamanitra amiko anie izany, ry Abnera, ary mihoatra aza, raha tsy hataoko amin'i Davida araka izay nianianan'i Yaveh taminy, [10]ny hamindra ny fanjakana avy amin'ny ankohonan'i Saoly sy hanorina ny seza fiandrianan'i Davida eo amin' Israely sy eo amin'ny Joda, hatrany Dana ka hatrany Beri-sheba." [11]Tsy nanana teny hafa havaly an'i Abnera intsony i Isboseta, satria natahotra azy izy.
[12]Avy eo dia nandefa mpitondra hafatra nankany amin'i Davida i Abnera mba hiresaka ho azy manao hoe: "An'iza ity tany ity? Manaova fanekena amiko, dia ho hitanao fa homba anao ny tanako, mba hitondra ny Israely rehetra ho eo aminao."
[13]Namaly i Davida hoe: "Tsara izany, hanao fanekena aminao aho. Kanefa ny zavatra iray takiako aminao dia ny tsy ahitanao ny tavako raha tsy entinao aloha i Mikala, zanaka vavin'i Saoly, rehefa tonga hijery ahy ianao."
[14]Avy eo i Davida nandefa mpitondra hafatra nankany amin'Isboseta, zanaka lahin'i Saoly, niteny hoe: "Omeo ahy Mikala vadiko, izay efa naloako vidy tamin'ny lohatsintsin'ny Filistina zato." [15]Noho izany Isboseta dia nampaka an'i Mikala ka naka azy tamin'i Paltiela vadiny, zanaka lahin'i Laisy. [16]Nandeha niaraka taminy ny vadiny, nitomany teny am-pandehanana, ary nanaraka azy hatrany Bahorima. Ary hoy Abnera taminy hoe: "Miverena any an-trano ankehitriny." Ka niverina izy.
[17]Niresaka tamin'ireo loholon'Israely i Abnera niteny hoe: "Taloha ianareo dia niezaka ny hanana an'i Davida ho mpanjaka eo aminareo. [18]Ankehitriny ataovy izany. Fa Yaveh efa niteny tamin'i Davida nilaza hoe: 'Amin'ny tanan'i Davida mpanompoko no hamonjeko ny Israely vahoakako amin'ny tanan'ireo Filistina sy amin'ny tanan'ireo fahavalon'izy ireo rehetra.'"
[19]Niresaka manokana tamin'ny olon'i Benjamina ihany koa i Abnera. Avy eo dia nandeha ihany koa Abnera mba hiresaka amin'i Davida ao Hebrona mba hanazava ny zavatra rehetra izay irian'Israely sy ny ankohonan'i Benjamina manontolo ho tanterahina. [20]Rehefa tonga tao Hebrona mba hihaona amin'i Davida i Abnera sy ny roapolo tamin'ireo lehilahiny, dia efa nanomana fanasana ho azy ireo Davida.
[21]Ary Abnera nanazava tamin'i Davida hoe: "Hitsangana aho ka hanangona ny Israely rehetra ho aminao, ry ilay mpanjaka tompoko, mba hafahan'izy ireo manao fanekena aminao, mba hahafahanao manjaka amin'izay rehetra irinao." Ka nandefa an'i Abnera i Davida, ary Abnera niala tam-piadanana.
[22]Ka tonga avy any am-panafihana ny miaramilan'i Davida sy Joaba ary nitondra babo maro niaraka tamin'izy ireo. Kanefa Abnera dia tsy niaraka tamin'i Davida tany Hebrona. Efa nandefa azy Davida, ary niala tam-piadanana Abnera.
[23]Rehefa tonga Joaba sy ireo tafika rehetra niaraka taminy, dia hoy izy ireo tamin'i Joaba hoe: "Tonga teto amin'ny mpanjaka i Abnera zanak'i Nera, ary nalefan'ny mpanjaka izy, ary niala tam-piadanana i Abnera."
[24]Avy eo dia tonga teo amin'ny mpanjaka i Joaba ka niteny hoe: "Inona no nataonao? Indro, i Abnera efa tonga teto aminao! Nahoana no nalefanao izy, ka lasa? [25]Tsy fantatrao ve fa i Abnera zanak'i Nera dia tonga teto aminao mba hamitaka anao sy mba hahafantatra ireo tetikao ary hamantatra izay rehetra ataonao?" [26]Rehefa nandao an'i Davida i Joaba, dia naniraka mpitondra hafatra nanaraka an'i Abnera izy, ary nentin'izy ireo niverina avy any amin'ny famorian-dranon'ny Siraha izy, kanefa tsy fantatr'i Davida izany.
[27]Raha niverina ho any Hebrona i Abnera, dia nentin'i Joaba nihataka kely teo afovoan'ny vavahady mba hiresaka aminy mangingina izy. Teo Joaba no nanindrona azy teo amin'ny kibo ka nahafaty azy. Tamin'izany fomba izany, no namalian'i Joaba ny ràn'i Asahela rahalahiny.
[28]Raha nandre ny momba izany Davida dia hoy izy hoe: "Izaho sy ny fanjakako dia tsy manan-tsiny mandrakizay eo anatrehan'i Yaveh mahakasika ny ràn'i Abnera zanak'i Nera. [29]Aoka ny heloka ny amin'ny fahafatesan'i Abnera hilatsaka amin'ny lohan'i Joaba sy ny ankohonan-drainy rehetra. Tsy ho afaka amin'ny fianakavian'i Joaba anie ny olona izay mitsi-drà na ny areti-koditra na izay mandringa ka tsy maintsy mamindra amin'ny tehina na izay lavon-tsabatra na ireo tsy manan-ko-hanina." [30]Toy izany no namonoan'i Joaba sy Abisay rahalahiny an'i Abnera, satria namono an'i Asahela rahalahin'izy ireo tany an'ady tao Gibeona izy.
[31]Hoy Davida tamin'i Joaba sy ireo olona rehetra niaraka taminy hoe: "Rovito ny fitafianareo, manaova akanjo fisaonana, ary manaova fisaonana manoloana ny fatin'i Abnera." Ary Davida mpanjaka dia nandeha tao aorian'ilay faty tamin'ny dingan'ny fandevenana. [32]Nalevin'izy ireo tao Hebrona i Abnera. Nitomany sy nihiaka mafy teo amin'ny fasan'i Abnera ny mpanjaka, ary nitomany ihany koa ny olona rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[33]Nisaona an'i Abnera ny mpanjaka ka nihira hoe: "Tokony ho faty toy ny fahafatesan'ny adala ve Abnera? [34]Tsy nofatorana ny tananao. Tsy nasiana rojo vy ny tongotrao. Fa tahaka ny fahalavon'ny olona teo anoloan'ireo zanaky ny tsy fahamarinana, no nahalavo anao." Ary mbola nitomany azy indray ny olona rehetra.
[35]Tonga nampisakafo an'i Davida ny olona rehetra raha mbola atoandro ny andro, fa Davida nianiana hoe: "Hataon'Andriamanitra amiko anie izany, ary mihoatra aza, raha manandrana mofo na zavatra hafa aho mialohan'ny hilentehan'ny masoandro." [36]Tsikaritry ny olona rehetra ny alahelon'i Davida, ary nankasitrahan'izy ireo izany, araka ny fankasitrahany izay rehetra nataon'ny mpanjaka.
[37]Koa takatry ny olona sy ny Israely rehetra tamin'izay andro izay fa tsy fanirian'ny mpanjaka ny hamono an'i Abnera zanaka lahin'i Nera. [38]Hoy ny mpanjaka tamin'ireo mpanompony hoe: "Tsy fantatrareo ve fa andriana sy olona lehibe no lavo any Israely androany? [39]Fa osa aho ankehitriny, na dia mpanjaka voahosotra aza aho. Ireo lehilahy ireo, ireo zanaka lahin'i Zeroia, dia nahery setra loatra tamiko. Hamaly ny mpanao ratsy anie Yaveh amin'ny fanasaziana azy ny amin'ny faharatsiany, araka izay mendrika azy."

4 [1]Rehefa ren'Isboseta, zanaka lahin'i Saoly, fa maty tany Hebrona i Abnera, dia lasa nalemy ny tanany, ary nikorontana Israely rehetra. [2]Ary ny zanaka lahin'i Saoly dia nanana roa lahy izay kapitenin'ireo vondron'ireo miaramila. Ny anaran'ny iray dia Bana ary ilay iray hafa kosa dia i Rekaba, zanaka lahin'i Rimona ilay Berotita avy amin'ny vahoakan'i Benjamina (satria Berota ihany koa dia noraisina ho isan'i Benjamina, [3]ary ireo Berotita nitsoaka tany Gitaima ka nipetraka tany hatramin'izao fotoana izao).
[4]Ary Jonatana, zanaka lahin'i Saoly, dia nanana zanaka lahy izay malemy ny tongony. Dimy taona izy rehefa tonga tao Jezirela ny vaovao momban'i Saoly sy Jonatana. Nentin'ilay mpitaiza azy mba handositra izy. Kanefa raha nihazakazaka iny izy, dia nianjera ny zanak'i Jonatana ary lasa malemy. Mefiboseta no anarany.
[5]Noho izany ireo zanaka lahin'i Rimona ilay Berotita, i Rekaba sy Bana, dia lasa nandeha nandritra ny hafanan'ny andro nankany amin'ny tranon'i Isboseta, tamin'izy niala sasatra tamin'ny mitatao vovonana. [6]Resi-tory ilay vehivavy mpiandry varavarana raha nanivana vary, ary Rekaba sy Bana nandeha am-pahanginana sy nandalo azy. [7]Koa rehefa niditra tao amin'ilay trano izy ireo, dia nanafika azy ka namono azy raha nandry teo am-pandriany tao amin'ny efitranony izy. Avy eo notapahan'izy ireo ny lohany ary nentiny izany, ary nandeha teny amin'ny lalana nandritra ny alina tontolo nankany amin'ilay Araba.
[8]Nentin'izy ireo tany amin'i Davida tao Hebrona ny lohan'Isboseta, ary hoy izy ireo tamin'ny mpanjaka hoe: "Indro, ity ny lohan'Isboseta zanaka lahin'i Saoly, fahavalonao, izay nifofo ny ainao. Ankehitriny Yaveh dia namaly faty ny mpanjaka tamin'i Saoly sy ireo taranany." [9]Ary Davida namaly an'i Rekaba sy Bana rahalahiny, ireo zanaka lahin'i Rimona ilay Berotita; hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh, izay nanafaka ny aiko tamin'ny korontana rehetra, [10]rehefa nisy olona niteny tamiko hoe: 'Indro, maty Saoly,' mieritreritra fa mitondra vaovao tsara izy, dia nosamboriko izy ary novonoiko tany Ziklaga. Izany no valisoa nomeko azy nohon'ny vaovaony.
[11]Maika fa, rehefa nisy lehilahy namono olona tsy manan-tsiny tao amin'ny tranony manokana teo amin'ny fandriany, dia tsy tokony hangataka ny ràny eo an-tananareo ve aho, ary manala anareo eto an-tany?" [12]Avy eo Davida nanome baiko an'ireo tovolahy, ary namono azy ireo izy ireo ka nanapaka ny loha sy ny tongotr'izy ireo ary nanantona azy ireo teo akaikin'ny kamory tao Hebrona. Fa nalain'izy ireo ny lohan'Isboseta ary naleviny tao amin'ny fasan'i Abnera tao Hebrona izany.

5 [1]Avy eo ny fokon'Israely rehetra nankany amin'i Davida tany Hebrona ary nilaza hoe: "Indro, nofo sy taolanao izahay. [2]Vao tsy ela akory, fony nanjaka teo amintsika i Saoly, dia ianao no nitarika ny tafika Israelita. Yaveh nilaza taminao hoe: 'Hiandry an'Israely vahoakako ianao, ary ho lasa mpanapaka eo amin'Israely.'"
[3]Koa tonga tany amin'ilay mpanjaka tany Hebrona ireo loholon'Israely rehetra, ary Davida Mpanjaka nanao fanekena tamin'izy ireo teo anatrehan'i Yaveh. [4]Nanosotra an'i Davida ho mpanjaka teo amin'Israely izy ireo. Telopolo taona i Davida no nanomboka nanjaka, ary nanjaka nandritra ny efapolo taona izy. [5]Tany Hebrona dia nanjaka teo amin'i Joda nandritra ny fito taona sy enim-bolana izy, ary tany Jerosalema dia nanjaka nandritra ny telo amby telopolo taona teo amin'Israely sy Joda rehetra izy.
[6]Nandeha nankany Jerosalema ny mpanjaka sy ireo olony mba hanohitra ireo Jebosita, ireo mponin'ilay tany. Hoy izy ireo tamin'i Davida hoe: "Tsy ho avy eto ianao raha tsy ny jamba sy ny mandringa no hampiverina anao. Tsy afaka ny ho tonga eto Davida." [7]Na dia izany aza, dia nambabo ny fiarovana mafin'i Ziona, izay tanànan'i Davida ankehitriny i Davida.
[8]Tamin'izany fotoana izany i Davida nilaza hoe: "Ireo izay manafika ny Jebosita dia tsy maintsy handalo amin'ny lalan-drano mba hihazo ny 'mandringa sy ny jamba' izay fahavalon'i Davida." Izany no ilazan'ny olona hoe: "Ny 'jamba sy ny mandringa' dia tsy mahazo miditra ny lapa." [9]Koa nonina tao amin'ilay fiarovana mafy i Davida ary niantso izany hoe ilay tanànan'i Davida. Nohamafisiny ny manodidina izany, avy eny amin'ny lavarangana mankany anatiny. [10]Lasa natanjaka be Davida satria Yaveh, ilay Andriamanitry ny maro, no niaraka taminy.
[11]Avy eo Hirama mpanjakan'i Tyra naniraka mpitondra hafatra, sy hazo sedera, mpandrafitra, ary mpanamboatra trano tany amin'i Davida. Nanamboatra trano ho an'i Davida izy ireo. [12]Fantatr'i Davida fa efa nametraka azy ho mpanjakan'Israely i Yaveh, ary efa nanandratra ny fanjakany nohon'ny amin'Israely vahoakany Izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Avy eo Davida niala tao Hebrona ary nandeha tany Jerosalema, naka vaditsindrano sy vady maromaro tany Jerosalema izy, ary nisy zanaka lahy maro sy zanaka vavy maro naterany. [14]Ireto avy ny anaran'ireo zanaka naterany tany Jerosalema: Samoa, Sobaba, Natana, Solomona, [15]Jibara, Elisoa, Nafega, Jafia, [16]Elisama, Eliada, ary Elifeleta.
[17]Ary rehefa ren'ireo Filistina fa efa voahosotra ho mpanjakan'Israely i Davida, dia nivoaka izy rehetra mba hitady azy. Nefa nandre momba izany Davida dia nandeha nidina tany amin'ny fiarovana mafy. [18]Ary dia tonga ireo Filistina ka niparitaka tany an-Dohasahan'i Refaima.
[19]Dia nitady vonjy tamin'i Yaveh i Davida. Hoy izy hoe: "Tokony hanafika ireo Filistina ve aho? Hanome fandresena amin'izy ireo ve Ianao?" Hoy Yaveh tamin'i Davida hoe: "Manafiha, fa hanome fandresena ho anareo eo amin'ireo Filistina tokoa Aho." [20]Koa nanafika tao Bala-Perazima i Davida, ary tao no nandreseny azy ireo. Naneho hevitra izy hoe: "Nisafoaka tamin'ireo fahavaloko teo anatrehako tahaka ny fisafoakan'ny safo-drano i Yaveh." Koa lasa Bala-Perazima ny anaran'izany toerana izany. [21]Navelan'ireo Filistina teo ny sampin'izy ireo, ary nentin'i Davida sy ireo lehilahiny lavitra ireo.
[22]Avy eo dia niakatra indray ireo Filistina ary niparitaka fanindroany teny an-Dohasahan'i Refaima. [23]Koa dia nitady vonjy tamin'i Yaveh indray Davida, ary hoy Yaveh taminy hoe: "Aza manafika ny manoloana azy ireo ianao, fa hiodidino avy ao aoriany izy ireo ary manatona azy ireo avy eo amin'ireo hazo balsama.
[24]Rehefa mandre ny feon-diabe eny amin'ny rivotra mitsoka avy eo an-tampon'ny hazo balsama ianao, dia aoka hanafika amin-kery. Ataovy izany satria hivoaka mialoha anareo mba hanafika ny tafik'ireo Filistina i Yaveh." [25]Koa dia nanao araka izay nandidian'i Yaveh azy i Davida. Novonoiny nanomboka tany Geba ka hatrany amin'ny lalana rehetra mankany Gezera ireo Filistina.

6 [1]Ary dia nangonin'i Davida niaraka indray ny lehilahin'Israely voafidy rehetra, telo alina.[2]Niainga i Davida ary nandeha niaraka tamin'ireo lehilahiny rehetra izay niaraka taminy nanomboka tany Bala any Joda mba hilanja ny fiaran'Andriamanitra, izay antsoina amin'ny anarana hoe Yaveh tompon'ny maro, izay mipetraka am-piandrianana eo ambonin'ny kerobima avy any.
[3]Napetrak'izy ireo teo ambony kalesy vaovao ny fiaran'Andriamanitra. Navoakan'izy ireo tao amin'ny tranon'i Abinadaba, izay teo amin'ny havoana iray izany. Oza sy Ahio, zanany lahy, no nitari-dalana ilay kalesy vaovao. [4]Navoakan'izy ireo tao an-tranon'i Abinadaba teo amin'ny havoana ilay kalesy sy ny fiaran'Andriamanitra teo amboniny. Ahio no nandeha teo anoloan'ilay fiara. [5]Avy eo Davida sy ny ankohonan'Israely rehetra nanomboka nitsinjaka teo anatrehan'i Yaveh, nankalaza tamin'ny zava-maneno vita tamin'ny hazo, lokanga, valiha, ampongatapaka, korintsana ary kipantsona.
[6]Rehefa tonga teo amin'ny famoloan'i Nakona izy ireo, dia nianjera ny omby, ary Oza naninjitra ny tanany mba hisarika ilay fiaran'Andriamanitra, ka nihazona izany izy. [7]Dia nirehitra tamin'i Oza ny hatezeran'i Yaveh. Namely azy teo nohon'ny fahotany Andriamanitra. Maty teo akaikin'ny fiaran'Andriamanitra i Oza.
[8]Tezitra i Davida satria namely an'i Oza i Yaveh, ary dia nataony hoe Perez-oza ny anaran'izany toerana izany. Izany toerana izany dia antsoina hoe Perez-oza mandrak'androany. [9]Natahotra an'i Yaveh i Davida tamin'izany andro izany. Hoy izy hoe: "Ahoana no hahatonga ny fiaran'i Yaveh aty amiko?"
[10]Koa tsy naniry ny hitondra ny fiaran'Andriamanitra niaraka taminy ho ao amin'ny tanànan'i Davida izy. Fa kosa, nampiriminy tao an-tranon'i Obed-edoma ilay Gitita izany. [11]Nijanona tao an-tranon'i Obed-edoma ilay Gitita nandritra ny telo volana ny fiaran'i Yaveh. Noho izany dia notahian'i Yaveh izy sy ny ankohonany rehetra.
[12]Ary nolazaina tamin'i Davida Mpanjaka hoe: "Efa nitahy ny tranon'i Obed-edoma sy ny zavatra rehetra izay azy i Yaveh noho ilay fiaran'Andriamanitra." Noho izany dia nandeha i Davida ary nitondra ilay fiaran'Andriamanitra niakatra avy tao an-tranon'i Obed-edoma tamim-piravoravoana ho any amin'ny tanànan'i Davida. [13]Rehefa namindra inenina ireo izay nilanja ny fiaran'Andriamanitra, dia nanao sorona omby iray sy zanak'omby mifahy izy.
[14]Nandihy teo anatrehan'i Yaveh tamin'ny heriny rehetra i Davida; efoda rongony fotsy madinika ihany no nanaovany.
[15]Noho izany dia nentin'i Davida sy ny ankohonan'Israely rehetra niakatra niaraka tamin'ny horakoraka sy ny feon'anjomara ny fiaran'i Yaveh.
[16]Ary rehefa tonga tao an-tanànan'i Davida ny fiaran'i Yaveh, dia nitazana teo am-baravarankely i Mikala, zanaka vavin'i Saoly. Nahita an'i Davida Mpanjaka nitsambikimbikina sy nandihy teo anatrehan'i Yaveh izy. Avy eo dia nanao tsinontsinona azy tao am-pony izy. [17]Nampidirin'izy ireo ilay fiaran'i Yaveh ary napetrany teo amin'ny toerany izany, teo afovoan'ny lay izay efa namboarin'i Davida ho an'izany. Avy eo Davida nanolotra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana teo anatrehan'i Yaveh.
[18]Rehefa vitan'i Davida ny fanatitra dorana sy ny fanati-pihavanana, dia nitso-drano ny vahoaka tamin'ny anaran'i Yaveh tompon'ny maro izy. [19]Ka dia nizara mofo, teti-kena, ary mofomamy misy voaloboka tamin'ny vahoaka rehetra, ny Israely manontolo, tamin'ny lehilahy sy ny vehivavy izy. Dia lasa ny olona rehetra; samy niverina tany an-tranony avy.
[20]Dia niverina mba hitso-drano ny ankohonany i Davida. Mikala, ilay zanaka vavin'i Saoly, dia nivoaka mba hitsena an'i Davida ary niteny hoe: "Endrey ny voninahitry ny mpanjakan'Israely ankehitriny, izay nanary ny lambany teo imason'ireo andevo vavy anisan'ireo mpanompony, tahaka ny iray amin'ireo mpiteny ratsy izay lany henatra manary ny lambany!"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Davida namaly an'i Mikala hoe: "Nataoko teo anatrehan'i Yaveh izany, izay nifidy ahy ho ambonin'ny rainao sy ho ambonin'ny ankohonany rehetra, izay nanendry ahy ho mpitarika eo amin'ny vahoakan'i Yaveh, eo amin'Israely. Eo anatrehan'i Yaveh no hiravoravoako! [22]Mbola tsy ho mendri-kaja noho izany aza aho, ary ho afa-baraka eo imasoko ihany aho. Kanefa amin'ny alalan'ireo andevo vavy izay noresahinao ireo, no hanomezam-boninahitra ahy." [23]Noho izany i Mikala, zanaka vavin'i Saoly, dia tsy nanan-janaka hatramin'ny andro nahafatesany.

7 [1]Rehefa nipetraka tao an-tranony ny mpanjaka, ary rehefa nanome fitsaharana azy tamin'ireo fahavalony manodidina azy rehetra i Yaveh, [2]dia hoy ny mpanjaka tamin'i Natana mpaminany hoe: "Indro, mipetraka amin'ny trano sedera aho, fa ny fiaran'Andriamanitra kosa mijanona ao afovoan'ny lay."
[3]Dia hoy i Natana tamin'ny mpanjaka hoe: "Mandehana, ataovy izay ao am-ponao, fa homba anao Yaveh." [4]Kanefa tamin'io alina io ihany dia tonga tamin'i Natana ny tenin'i Yaveh, ary nanao hoe: [5]"Mandehana ary lazao Davida mpanompoko hoe: 'Izao no ambaran'i Yaveh: Hanamboatra trano hipetrahana ho Ahy ve ianao?
[6]Fa tsy nitoetra tao an-trano Aho hatramin'ny andro izay nitondrako ny vahoakan'Israely niakatra avy tao Egypta hatramin'izao andro ankehitriny izao; fa kosa, nifindrafindra lay Aho, dia ny tabernakely. [7]Tany amin'ny toerana rehetra izay nifindrako niaraka tamin'ny vahoakan'Israely rehetra, moa nilaza na inona na inona tamin'ireo mpitarik'Israely izay notondroiko hiandry ny Israely vahoakako ve Aho, nanao hoe: "Nahoana ianareo no tsy nanamboatra trano sedera ho Ahy?""
[8]Koa ankehitriny ary, teneno i Davida mpanompoko hoe: "Izao no ambaran'i Yaveh tompon'ny maro: 'Nalaiko avy teny amin'ny saha ianao, tamin'ny fanarahana ireo ondry, mba ho mpanapaka an'Israely vahoakako ianao. [9]Niaraka taminao foana Aho na taiza na taiza nalehanao. Nalàko teo anoloanao avokoa ny fahavalonao rehetra. Ankehitriny hataoko lehibe ny anaranao, tahaka ny anaran'ireo lehibe teto an-tany.
[10]Hisafidy toerana iray ho an'Israely vahoakako Aho ary hamboly azy ireo any, mba hiaina ao amin'ny toeran'izy ireo manokana izy ireo ary tsy ho voakorontana intsony. Tsy hampijaly azy ireo intsony ny olona ratsy fanahy, toy ny nataon'izy ireo teo aloha, [11]toy ny nataon'izy ireo hatramin'ny andro nandidiako ireo mpitsara mba hanapaka an'Israely vahoakako rehetra. Ankehitriny Aho dia hanome fitsaharana anao amin'ireo fahavalonao. Fanampin'izany, Izaho, Yaveh dia manambara aminao fa hanao trano ho anao Aho.
[12]Rehefa tapitra ny andronao ary hodimandry miaraka amin'ireo razambenao ianao, dia hanangana taranaka handimby anao Aho, izay ho avy amin'ny vatanao, ary hampitoeriko ny fanjakany. [13]Hanamboatra trano ho an'ny anarako izy, ary hametraka ny seza fiandrianan'ny fanjakany mandrakizay Aho. [14]Ho rainy Aho, ary izy ho zanako. Rehefa manota izy, dia hananatra azy amin'ny tsorakazon'ny olona sy amin'ny fikapohana ny zanak'olona Aho.
[15]Fa ny fahatokiko dia tsy handao azy, raha nalaiko tamin'i Saoly izany, izay nesoriko talohanao. [16]Ny tranonao sy ny fanjakanao dia ho azo antoka mandrakizay eo anatrehanao. Hitoetra mandrakizay ny seza fiandriananao.'" [17]Dia niresaka tamin'i Davida i Natana ary nitatitra taminy ireo teny rehetra ireo, ary nolazainy taminy ny momban'ilay fahitana iray manontolo.
[18]Dia niditra Davida Mpanjaka ary nipetraka nanoloana an'i Yaveh ka nanao hoe: "Iza aho, ry Yaveh Andriamanitra, ary inona ny fianakaviako no nentinao ho amin'izao tanjona izao aho? [19]Ary zavatra kely eo imasonao izany, ry Tompo Yaveh. Niresaka momban'ny fianakavian'ny mpanomponao ny amin'izay lehibe ho avy Ianao, ary nampiseho taranaka fara-mandimby tamiko, ry Tompo Yaveh! [20]Inona no mbola azoko, izaho Davida, lazaina aminao? Nanome voninahitra ny mpanomponao Ianao, ry Tompo Yaveh.
[21]Nohon'ny amin'ny teninao, sy mba hahatanteraka ny tanjonao manokana, dia nanao izao zavatra lehibe izao Ianao ary naneho izany tamin'ny mpanomponao. [22]Noho izany dia lehibe Ianao, ry Tompo Yaveh, satria tsy misy toa Anao, ary tsy misy Andriamanitra hafa ankoatra Anao, araka izay ren'ny sofinay ihany. [23]Inona no firenena toa an'Israely vahoakanao, ilay firenena eto an-tany izay, nalehanao Andriamanitra sy novonjenao ho an'ny tenanao? Nataonao izao mba ho tonga vahoaka ho Anao izy ireo, mba hanao anarana ho an'ny tenanao, ary mba hanao asa lehibe sy mampatahotra ho an'ny taninao. Nandroaka ireo firenena sy ireo andriamanitr'izy ireo teo anoloan'ny vahoakanao, izay novonjenao avy tao Egypta Ianao.
[24]Napetrakao toy ny vahoakanao manokana mandrakizay Israely, ary Ianao, Yaveh, dia tonga Andriamanitr'izy ireo. [25]Koa ankehitriny, ry Yaveh Andriamanitra, enga anie ho apetraka mandrakizay ny fampanantenana izay nataonao mahakasika ny mpanomponao sy ny fianakaviany. Ataovy araka izay nolazainao. [26]Ho lehibe mandrakizay anie ny anaranao, ka hilaza ny vahoaka hoe: 'Yaveh tompon'ny maro no Andriamanitr'Israely,' raha apetraka anatrehanao, ny tranoko, Davida mpanomponao.
[27]Satria Ianao, Yaveh tompon'ny maro, ilay Andriamanitr'Israely, no nanambara tamin'ny mpanomponao fa hanangana trano ho azy Ianao. Izany no antony, nahitako, izaho mpanomponao, faharisihana hivavaka Aminao. [28]Ankehitriny, ry Tompo Yaveh, dia Andriamanitra Ianao, ary mendri-pitokisana ny teninao, ary nanao io fampanantenana tsara io tamin'ny mpanomponao Ianao. [29]Koa ankehitriny ary, aoka hahafaly Anao ny hitahy ny tranon'ny mpanomponao, mba hitohy eo anoloanao mandrakizay izany. Satria Ianao, ry Tompo Yaveh, no niteny ireo zavatra ireo, ary tamin'ny tso-dranonao no nitahiana mandrakizay ny tranon'ny mpanomponao."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

8 [1]Taorian'izany dia nanafika ireo Filistina i Davida ka nandresy azy ireo. Noho izany dia nalain'i Davida tsy ho eo amin'ny fifehezan'ireo Filistina i Gata sy ireo zana-bohiny.
[2]Dia nandresy ny Moabita izy ka nandrefy ny olon'izy ireo tamin'ny tsipika tamin'ny fampandriana azy ireo teo amin'ny tany. Nandrefy indroan'ny tsipika izy mba hamonoana, ary indray mandeha monja mba hitazonana ho velona. Ka dia lasa mpanompon'i Davida ireo Moabita ary nanomboka nandoa hetra taminy.
[3]Koa dia resin'i Davida i Hadadezera zanak'i Rehoba, ilay mpanjakan'i Zoba, raha lasa nampody ny fanjakany teo amoron'ny Ony Eofrata i Hedadezera. [4]Nambabo kalesy 1, 700 sy miaramila an-tongotra roa alina avy taminy i Davida. Notraingon'i Davida avokoa ny kalesin-tsoavaly rehetra, fa nanokana izay tokony ho ampy ny kalesy zato tamin'izy ireo izy.
[5]Rehefa tonga hanampy an'i Hadadezera mpanjakan'i Zoba ny Syriana avy any Damaskosy, dia nahafaty lehilahy Syriana roa arivo sy roa alina i Davida. [6]Avy eo i Davida nametraka miaramila tany Syria any Damaskosy, ary lasa mpanompony ka nandoa hetra taminy ny Syriana. Nampandresy an'i Davida teny amin'izay rehetra nalehany i Yaveh.
[7]Dia nalain'i Davida ny ampinga volamena izay tany amin'ny mpanompon'i Hedadezera ka nentiny tany Jerosalema ireo.
[8]Avy eo i Davida mpanjaka dia naka varahina maro dia maro avy tao Beta sy Berotahy, tanànan'i Hadadezera.
[9]Rehefa ren'i Toy, mpanjakan'i Hamata, fa nandresy ny tafik'i Hadadezera rehetra i Davida, [10]dia nirahin'i Toy ho any amin'i Davida mpanjaka i Jorama zanany mba hiarahaba azy sy hitso-drano azy, satria Davida niady tamin'i Hadadezera ka nandresy azy, ary satria Hadadezera dia niady tamin'i Toy. Gorama dia nitondra zavatra vita tamin'ny volafotsy, volamena ary varahina niaraka taminy.
[11]Davida mpanjaka dia nanokana ireo zavatra ireo ho an'i Yaveh, niaraka tamin'ny volafotsy sy volamenan'ireo firenena rehetra izay resiny— [12]avy tamin'i Syria, Moaba, ireo olon'i Amona, ireo Filistina, sy ny Amalekita, niaraka tamin'ireo entana rehetra voaroba tamin'i Hadadezera zanak'i Rehoba, mpanjakan'i Zoba.
[13]Fanta-daza ny anaran'i Davida rehefa avy nambabo ny Syriana tany amin'ny Lohasahan-tsira, niaraka tamin'ireo lehilahy valo arivo sy iray alin'izy ireo. [14]Nametrahany miaramila manerana an'i Edoma rehetra, ary ny Edomita rehetra dia tonga mpanompony. Ary Yaveh nampandresy an'i Davida teny amin'izay rehera nalehany.
[15]Nanjaka teo amin'Israely rehetra i Davida, ary nitondra ny rariny sy ny fahamarinana tamin'ny olony rehetra izy. [16]Joaba zanak'i Zeroia no mpifehy ny tafika, ary Josafata zanak'i Ahiloda no mpirakitra. [17]Zadoka zanak'i Ahitoba sy Ahimeleka zanak'i Abiatara no mpisorona, ary Seraia no mpanora-dalàna. [18]Benaia zanak'i Joiada no niandraikitra ireo Heretita sy ireo Paletita, ary ireo zanak'i Davida no mpanolotsain'ny mpanjaka.

9 [1]Hoy i Davida hoe: "Misy olona tafajanona izay azoko anehoana hatsaram-panahy nohon'ny amin'i Jonatana ve ao amin'ny fianakavian'i Saoly?" [2]Nisy mpanompo iray antsoina hoe: Ziba tao amin'ny fianakavian'i Saoly, ary niantso azy ho any amin'i Davida izy ireo. Hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Ianao ve no Ziba?" Dia namaly izy hoe: "Eny, mpanomponao aho."
[3]Ka hoy ny mpanjaka hoe: "Tsy misy olona tavela izay azoko anehoana ny hatsaram-panahin'Andriamanitra ve avy ao amin'ny fianakavian'i Saoly?" Namaly ny mpanjaka i Ziba hoe: "Jonatana dia mbola manan-janaka lahy, izay malemy tongotra." [4]Hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Aiza izy?" Dia namaly ny mpanjaka i Ziba hoe: "Indro, ao an-tranon'i Makira zanaka lahin'i Amiela any Lo-debara izy."
[5]Avy eo i Davida mpanjaka naniraka azy sy nampamoaka azy tao an-tranon'i Makira zanaka lahin'i Amiela avy any Lo-debara. [6]Noho izany Mefiboseta zanak'i Jonatana zanaka lahin'i Saoly, dia nankeo amin'i Davida ary nampiankohoka ny tavany teo amin'ny tany ho voninahitr'i Davida. Hoy i Davida hoe: "Mefiboseta." Dia namaly izy hoe: "Indro, mpanomponao aho!"
[7]Hoy i Davida taminy hoe: "Aza matahotra, fa haneho hatsaram-panahy aminao ho an'i Jonatana nohon'ny amin'ny rainao tokoa aho, ary hamerina aminao ny tanin'i Saoly raibenao rehetra aho, ary hihinana eo an-databatro mandrakariva ianao." [8]Niankohoka i Mefiboseta ary nanao hoe: "Inona ity mpanomponao, no tokony hijery amin-tsitraka amboa maty tahaka ahy ianao?"
[9]Avy eo ny mpanjaka dia nampiantso an'i Ziba, mpanompon'i Saoly, ary nanao taminy hoe: "Izay an'i Saoly sy ny fianakaviany rehetra dia nomeko ny zafin'ny tomponao. [10]Ianao, ireo zanakao lahy, ary ireo mpanomponao dia tsy maintsy miasa ny tany ho azy ary tsy maintsy mijinja ny vokatra ianao mba hananan'ny zafin'ny tomponao hanina ho hanina. Fa i Mefiboseta, zafin'ny tomponao, dia tsy maintsy hihinana mandrakariva eo an-databatro." Ary Ziba dia nanan-janaka lahy dimy ambin'ny folo sy mpanompo roapolo.
[11]Avy eo Ziba niteny tamin'ny mpanjaka hoe: "Ho ataon'ny mpanomponao izay rehetra andidian'ilay mpanjaka tompoko ny mpanompony." Dia nampian'ny mpanjaka hoe: [12]"Raha ny amin'i Mefiboseta dia hihinana eto an-databatro izy, toy ny iray amin'ireo zanaka lahin'ny mpanjaka." Nanan-janaka lahy tanora antsoina hoe Mika i Mefiboseta. Ny rehetra izay nipetraka tao an-tranon'i Ziba dia mpanompon'i Mefiboseta avokoa. [13]Koa dia nipetraka tany Jerosalema i Mefiboseta, ary nihinana teo an-databatry ny mpanjaka mandrakariva izy, na dia nalemy aza ny tongony roa.

10 [1]Taty aoriana dia maty ny mpanjakan'ny vahoakan'i Amona, ary lasa mpanjaka teo amin'ny toerany i Hanona zanany lahy. [2]Hoy i Davida hoe: "Hanao soa amin'i Hanona zanak'i Nahasy aho, tahaka ny nanaovan'ny rainy soa tamiko."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Koa dia nandefa ireo mpanompony hampahery an'i Hanona mahakasika ny rainy i Davida. Niditra tao amin'ny tanin'ny vahoakan'i Amona ireo mpanompony. [3]Saingy hoy ireo mpitarika ny vahoakan'i Amona tamin'i Hanona tompon'izy ireo hoe: "Mihevitra tokoa ve ianao fa manome voninahitra ny rainao i Davida satria nandefa ireo mpanompony hampahery anao izy? Tsy efa nandefa ireo mpanompony taminao ve i Davida mba hijery ny tanàna, hitsikilo izany, mba handrava izany?"
[4]Koa nosamborin'i Hanona ireo mpanompon'i Davida, noharatany ny antsasaky ny volombavan'izy ireo, notapahiny hatreny amin'ny foto-peny ny akanjon'izy ireo, ary noroahiny. [5]Rehefa nanazava izany tamin'i Davida izy ireo, dia nandefa olona hitsena azy ireo izy, satria afa-baraka tanteraka ireo lehilahy. Hoy ny mpanjaka hoe: "Mitoera ao Jeriko mandra-panirin'ny volombavanareo indray, ary miverena avy eo."
[6]Rehefa hitan'ny vahoakan'i Amona fa lasa mangidy hoditra amin'i Davida izy ireo, dia nandefa mpitondra hafatra ny vahoakan'i Amona ary nanakarama ireo Syriana avy ao Beti-rehoba sy Zoba, miaramila nandeha an-tongotra roa alina, sy lehilahy arivo tamin'ny mpanjakan'i Maka, ary lehilahy roa arivo sy iray alina tamin'ireo olon'i Toba. [7]Rehefa nandre izany i Davida, dia nandefa an'i Joaba sy ny tafika miaramila rehetra izy. [8]Tonga ireo Amonita ary nilahatra hiady teo amin'ny fidirana teo amin'ny vavahadin'ny tanànan'izy ireo, raha mbola nijoro teo amin'ny saha malalaka ireo Syriana avy any Zoba sy Rehoba, ary ireo olona avy any Toba sy Maka.
[9]Rehefa nahita ireo fahavalo teo anoloany sy tao aoriany i Joaba, dia nisafidy ny sasany tamin'ireo izay mahay miady indrindra izy ary nandamina azy ireo hiady amin'ireo Syriana. [10]Raha ny amin'ireo tafika sisa tavela, dia notolorany ho baikon'i Abisay rahalahiny, ka nalahiny hiady amin'ny tafik'i Amona izy ireo.
[11]Hoy i Joaba hoe: "Raha mafy loatra ho ahy ireo Syriana, dia ianao, Abisay, no tsy maintsy manavotra ahy. Fa raha mafy loatra ho anareo ny tafik'i Amona, dia ho avy aho ary hanavotra anareo. [12]Mahereza, ary andeha isika haneho ny tanjantsika ho an'ny vahoakantsika sy ireo tanànan'ny Andriamanitsika, satria i Yaveh dia hanao izay tsara ho an'ny tanjony."
[13]Koa nandroso i Joaba sy ireo miaramila tao amin'ny tafiny mba hiady hanohitra ireo Syriana, izay voatery nitsoaka teo anatrehan'ny tafik'Israely. [14]Rehefa nahita ireo miaramilan'ny Syriana nandositra ny tafik'i Amona, dia nitsoaka an'i Abisay koa izy ireo ary niverina tao amin'ny tanàna. Avy eo i Joaba niverina avy tany amin'ny vahoakan'i Amona ary niverina tany Jerosalema.
[15]Rehefa hitan'ireo Syriana fa ho resin'Israely izy ireo, dia nivondrona niaraka indray izy ireo. [16]Avy eo Hadadezera nampiantso andiana Syriana avy any an-dafin'ny Onin'i Eofrata. Tonga tao Helama niaraka tamin'i Sobaka, ilay mpifehy ny tafik'i Hedadezera lohan'izy ireo izy ireo.
[17]Rehefa nolazaina izany i Davida, dia namory ny Israely rehetra izy, niampita an'i Jordana, ary tonga tany Helama. Nilahatra hiady hanohitra an'i Davida ireo Syriana ary niady taminy. [18]Nandositra an'Israely ireo Syriana. Nahafaty miaramila mpitondra kalesy fitonjato sy mpitaingin-tsovaly efatr'alina i Davida. Naratra i Sobaka mpifehy ny tafik'izy ireo ary maty tany. [19]Rehefa hitan'ireo mpanjaka rehetra izay mpanompon'i Hadadezera fa resin'Israely izy ireo, dia nanao fihavanana tamin'Israely izy ireo ka lasa mpanompony. Noho izany ireo Syriana dia natahotra ny hanampy ny vahoakan'i Amona.

11 [1]Ary rehefa tonga ny lohataona, amin'ny fotoana izay fandehanan'ireo mpanjaka hiady, dia nirahin'i Davida i Joaba, mpanompony, sy ireo tafik'Israely rehetra. Nandringana ny tafik'i Amona ary nanao fahirano an'i Raba izy ireo. Saingy nijanona tany Jerosalema i Davida.
[2]Nony tonga ny hariva dia nifoha teo am-pandriany i Davida ary nandeha tany amin'ny tafon'ny lapany. Avy eny izy no nahatazana vehivavy iray izay teo am-pandroana, ary tena mahafinaritra jerena ilay vehivavy. [3]Noho izany dia nandefa sy nanontany olona izay mahalala ny momba ilay vehivavy i Davida. Nisy olona iray niteny hoe: "Tsy i Batseba, zanaka vavin'i Eliama ve izany, ary tsy ilay vadin'i Oria ilay Hetita ve izy?"
[4]Dia nandefa mpitondra hafatra i Davida ary naka azy; dia tonga tany aminy izy, ary niara-nandry taminy izy (satria vao avy nanadio ny tenany tamin'ny fadim-bolana izy). Avy eo dia niverina tany an-tranony izy. [5]Nitoe-jaza ilay vehivavy, ary nampaniraka sy niteny an'i Davida izy; hoy izy hoe: "Bevohoka aho."
[6]Avy eo i Davida nampaniraka tany amin'i Joaba nanao hoe: "Alefaso aty amiko i Oria ilay Hetita." Dia nalefan'i Joaba tany amin'i Davida i Oria. [7]Rehefa tonga i Oria, dia nanontany azy i Davida hoe nanao ahoana Joaba, nanao ahoana ny tafika, ary nanao ahoana ny fandehan'ny ady. [8]Dia hoy i Davida tamin'i Oria hoe: "Midìna any amin'ny tranonao, ary sasao ny tongotrao." Ka dia niala tao amin'ny lapan'ny mpanjaka i Oria, ary nandefa fanomezana ho an'i Oria ny mpanjaka taorian'ny nandehanany.
[9]Fa nandry teo am-baravaran'ny lapan'ny mpanjaka niaraka tamin'ireo mpanompon'ny tompony rehetra i Oria, ary tsy nidina tany an-tranony izy. [10]Rehefa niteny tamin'i Davida izy ireo hoe: "Tsy nidina tany an-tranony i Oria", dia hoy i Davida tamin'i Oria hoe: "Tsy avy nandeha ve ianao? Nahoana ianao no tsy nandeha nidina tany an-tranonao?" [11]Namaly an'i Davida i Oria hoe: "Ilay fiara, sy Israely ary Joda dia mijanona ao amin'ireo lay, ary Joaba tompoko sy tompon'ireo mpanompoko dia nitoby tany an-dohasaha. Ahoana ary no ahafahako mankany an-tranoko mba hihinana sy hisotro ary hatory hiaraka amin'ny vadiko? Raha mbola velona tokoa ianao, dia tsy hanao izany aho."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Ka hoy i Davida tamin'i Oria hoe: "Mijanòna eto aloha androany, fa rahampitso ianao havelako handeha." Ka nijanona tao Jerosalema tamin'io andro io sy ny ampitso i Oria. [13]Rehefa niantso azy i Davida, dia nihinana sy nisotro teo anatrehany izy, ary nomamoin'i Davida izy. Ny hariva i Oria dia nivoaka mba hatory miaraka amin'ireo mpanompon'ny tompony eo am-pandriany; tsy nandeha nidina tany an-tranony izy.
[14]Ary nony maraina dia nanoratra taratasy ho an'i Joaba i Davida, ary nandefa izany tamin'ny alalan'ny tanan'i Oria.
[15]Davida nanoratra tao amin'ny taratasy nilaza hoe: "Apetraho eo anoloan'ny ady mafy indrindra i Oria, ary mialà eo aminy avy eo, mba mety ho voavely sy voavono izy."
[16]Koa raha nanao fahirano tamin'ny tanàna i Joaba, dia nanendry an'i Oria tamin'ny toerana izay nahafantarany ireo miaramila fahavalo matanjaka indrindra hiadiana izy. [17]Rehefa nivoaka ireo lehilahin'ny tanàna ary niady tamin'ny tafik'i Joaba, dia lavo ny sasany tamin'ireo miaramilan'i Davida, ary Oria ilay Hetita ihany koa dia voavono tany.
[18]Rehefa nandefa teny tany amin'i Davida momba ny zavatra mahakasika ny ady i Joaba, [19]dia nandidy ny mpitondra hafatra izy, nilaza hoe: "Rehefa voateninao amin'ny mpanjaka ny zavatra rehetra mahakasika ilay ady, [20]ny mety hiseho dia hoe ho tezitra ny mpanjaka, ka hiteny aminao izy hoe: 'Nahoana no nanakaiky loatra ny tanàna ianao no niady? Tsy fantatrao ve fa mety avy eny amin'ny manda izy ireo no hitifitra?
[21]Iza no namono an'i Abimeleka zanak'i Jerobeseta? Moa tsy vehivavy iray ve no nandefa vato fikosoham-bary taminy avy eny amin'ny manda, izay nahafaty azy tany Tebeza? Nahoana ianao no teny amin'izay akaiky dia akaikin'ny manda no nandeha?' Ary tsy maintsy hamaly ianao hoe: "Oria ilay Hetita mpanomponao ihany koa dia maty."'
[22]Noho izany dia lasa ilay mpitondra hafatra ary nandeha tany amin'i Davida sy niteny taminy ny zavatra rehetra izay nanirahan'i Joaba azy ho lazaina. [23]Ary hoy ilay mpitondra hafatra tamin'i Davida hoe: "Natanjaka noho izahay ny fahavalo tany am-boalohany; nivoaka nankeo aminay teo an-tsaha izy ireo, fa noroasinay niverina tany amin'ny fidirana amin'ny vavahady.
[24]Avy eo nitifitra tany amin'ireo miaramilanao avy eny amin'ny manda ny mpitifitr'izy ireo, ary voavono ny sasany tamin'ireo mpanompon'ny mpanjaka, ary maty ihany koa Oria ilay Hetita mpanomponao." [25]Dia hoy i Davida tamin'ilay mpitondra hafatra hoe: "Lazao an'i Joaba izao: 'Aza atao mahatezitra anao ity, fa ny sabatra dia handevona iray sy iray hafa. Hamafiso kokoa hanoherana ilay tanàna ny adinao, ka ravao izany,' ary amporisiho izy."
[26]Ka rehefa ren'ny vadin'i Oria fa maty i Oria vadiny, dia nisaona tanteraka ny vadiny izy. [27]Rehefa nisinda ny alahelony, dia nampaniraka sy nampody azy tany amin'ny lapany i Davida, ka lasa vadiny izy ary niteraka zazalahy taminy. Kanefa tsy nankasitrahan'i Yaveh ny nataon'i Davida.

12 [1]Ary Yaveh nandefa an'i Natana tany amin'i Davida. Tonga teo aminy izy ary niteny hoe: "Indray andro dia nisy lehilahy anankiroa tao amin'ny tanàna iray. [2]Nanan-karena ny lehilahy iray ary ny iray hafa nahantra. Ilay iray nanan-karena dia nanana ondry aman'osy sy omby maro be, [3]fa ilay lehilahy nahantra tsy nanana na inona na inona afa-tsy ondrivavy kely iray, izay novidiany sy nofahanany ary nompiany. Niara-lehibe taminy sy tamin'ireo zanany izany. Niara-nihinana taminy sy nisotro tamin'ny kapoakany mihitsy aza ilay ondry, ary natory teo amin'ny sandriny tahaka ny zanany vavy izany.
[4]Indray andro dia nisy mpitsidika tonga tao amin'ilay lehilahy manan-karena, fa tsy te-haka biby iray avy ao amin'ny andian'ondry aman'osiny sy ireo ombiny mba homena ho sakafo ho azy ilay lehilahy manan-karena. Fa nalainy kosa ny ondrivavy kelin'ilay lehilahy mahantra ary nandrahoany ho an'ny mpamangy azy izany." [5]Nirehitry ny hatezerana tamin'ilay lehilahy manan-karena i Davida, ka niteny an-katezerana tamin'i Natana hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh, dia mendrika ny ho vonoina ho faty ny lehilahy izay nanao izany. [6]Tsy maintsy honerany efatra heny ny zanak'ondry satria nanao zavatra tahaka izany izy, ary satria tsy nanana antra tamin'ilay lehilahy nahantra izy."
[7]Ary hoy i Natana tamin'i Davida hoe: "Ianao izany lehilahy izany! Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, niteny hoe: 'Nanosotra anao ho mpanjakan'Israely Aho, ary namonjy anao hiala teo an-tanan'i Saoly. [8]Nanome anao ny tranon'ny tomponao Aho, ary ireo vadin'ny tomponao ho eo an-tsandrinao. Nomeko anao ihany koa ny ankohonan'Israely sy Joda. Fa raha mbola kely loatra izany, dia ho nanome anao zavatra maro hafa ho fanampiny aho.
[9]Koa nahoana ianao no nanao tsinontsinona ireo didin'i Yaveh, ary nanao izay ratsy teo imasony? Novonoinao tamin'ny sabatra i Oria ilay Hetita ary nalainao ho vadinao ny vadiny. Novonoinao tamin'ny sabatry ny tafik'i Amona izy. [10]Koa ankehitriny dia tsy hiala amin'ny taranakao mandrakizay ny sabatra, satria nanao tsinontsinona ahy sy naka ny vadin'i Oria ilay Hetita ho lasa vadinao ianao.'
[11]Hoy Yaveh hoe: 'Indro, hanangana loza hanohitra anao avy ao amin'ny ankohonanao ihany Aho. Eo anoloan'ny masonao ihany, no hakako ireo vadinao ary hanomezako azy ireo ho an'ny namanao, ary hiara-handry am-pahalalahana amin'ireo vadinao amin'ny atoandrobe-nanahary izy. [12]Fa nanota niafina ianao, saingy hataoko eo anatrehan'Israely rehetra izany zavatra izany, amin'ny atoandrobe-nanahary."' [13]Dia hoy i Davida tamin'i Natana hoe: "Nanota tamin'i Yaveh aho." Namaly an'i Davida i Natana hoe: "Yaveh ihany koa efa namela ny fahotanao. Tsy ho vonoina ianao.
[14]Kanefa, satria tamin'ny alalan'izany fihetsika izany no nanaovanao tsinontsinona an'i Yaveh, dia ho faty tokoa ny zaza izay aterakao." [15]Avy eo dia niala i Natana ary nody tany an-trano. Namely ilay zaza izay nateraky ny vadin'i Oria tamin'i Davida i Yaveh, ka narary mafy izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Avy eo dia nitalaho mafy tamin'Andriamanitra ho an'ilay zazalahy i Davida. Nifady hanina i Davida ary niditra tao ka nandry tamin'ny tany ny alina tontolo. [17]Ireo loholon'ny tranony dia nijanona sy nitsangana teo anilany, mba hampiarina azy avy eo amin'ny tany, fa tsy nety niarina izy, ary tsy nety hisakafo niaraka tamin'izy ireo. [18]Ary tamin'ny andro fahafito no nahafaty ilay zazalahy. Ireo mpanompon'i Davida dia natahotra ny hilaza taminy fa maty ilay zaza, fa hoy izy ireo hoe: "Indro, raha mbola velona ilay zaza dia niresaka taminy izahay, ary tsy nihaino ny feonay izy. Inona no mety ho hataony amin'ny tenany raha milaza aminy izahay fa maty ilay zazalahy?!"
[19]Fa rehefa hitan'i Davida fa nifampibitsibitsika ireto mpanompony, dia fantatr'i Davida fa maty ilay zaza. Hoy izy tamin'ireo mpanompony hoe: "Maty ve ilay zaza?" Namaly izy ireo hoe: "Maty izy." [20]Dia nitsangana avy teo amin'ny tany i Davida ary nanasa ny tenany, nihosotra diloilo, ary nanolo ireo fitafiany. Nandeha nankany amin'ny tabernakelin'i Yaveh izy ary nanao fanompoam-pivavahana tany, ary avy eo niverina nody tany amin'ny lapany izy. Rehefa nangataka izy, dia napetrak'izy ireo teo anoloany ny sakafo, ka nihinana izy.
[21]Avy eo ireo mpanompony niteny taminy hoe: "Nahoana no nanao izao ianao? Nifady hanina ianao ary nitomany an'ilay zaza fony mbola velona izy, fa rehefa maty ilay zaza, dia nitsangana ianao ary nihinana." [22]Dia namaly i Davida hoe: "Raha mbola velona ilay zaza dia nifady hanina sy nitomany aho. Hoy aho hoe: 'Iza no mahalala na hamindra fo amiko Yaveh na tsia, ka mety ho velona ilay zaza?' [23]Fa ankehitriny maty izy, koa nahoana aho no tokony hifady hanina? Afaka hamerina azy indray ve aho? Handeha ho any aminy aho, fa tsy hiverina amiko izy."
[24]Nampionona an'i Batseba vadiny i Davida, ary niditra tao aminy, ka niara-nandry taminy. Taty aoriana dia niteraka zazalahy izy, ary nomeny ny anarana hoe Solomona ilay zaza. Nitia azy Yaveh [25]ary nandefa teny tamin'i Natana mpaminany Izy mba hanao ny anarany hoe Jedidia, satria tia azy Yaveh.
[26]Ary Joaba dia niady tamin'i Raba, ilay tanànan'ny mpanjakan'ny vahoakan'i Amona, ary babony ny fiarovana mafy.
[27]Noho izany dia nandefa mpitondra hafatra ho any amin'i Davida i Joaba ary niteny hoe: "Niady tamin'i Raba aho, ary nalaiko ny famatsian-dranon'ilay tanàna. [28]Ankehitriny ary angony miaraka ireo ambin'ny tafikao ary mitobia hanohitra ny tanàna ary alaivo izany, satria raha alaiko ilay tanàna, dia hitondra ny anarako izany."
[29]Dia nanangona ny tafika rehetra i Davida ka nandeha tany Raba; niady tamin'ilay tanàna izy ary nambabo izany.
[30]Nalain'i Davida teny amin'ny lohan'ny mpanjakan'izy ireo ny satro-boninahitra—talenta volamena iray no lanjan'izany, ary nisy vato sarobidy tao anatiny. Napetraka teo ambony lohan'i Davida ilay satro-boninahitra. Avy eo dia nentiny nivoaka ireo babon'ny tanàna maro be.
[31]Nentiny nivoaka ireo olona izay tao amin'ilay tanàna ary notereny hiasa amin'ny tsofa, sy vy fanaketohana, ary famaky izy ireo; nasainy niasa tany amin'ny lafaoro fandoroam-biriky izy ireo. Notakian'i Davida mba hanao izany asa izany ny tanànan'ny vahoakan'i Amona rehetra. Avy eo dia niverina nankany Jerosalema i Davida sy ireo tafika rehetra.

13 [1]Ary taorian'izany i Amnona zanaka lahin'i Davida, dia tena voasarika tamin'i Tamara anabaviny tsara tarehy, izay tena anabavin'i Absaloma, zanaka lahin'i Davida hafa. [2]Niady saina be i Amnona ary nanjary narary izy nohon'ny amin'i Tamara anabaviny. Virijiny izy, ary toa tsy nety tamin'i Amnona mihitsy ny hanao zavatra aminy.
[3]Fa i Amnona dia nanana namana izay Jonadaba ny anarany zanaka lahin'i Simea, rahalahin'i Davida. Jonadaba dia lehilahy fetsy tokoa. [4]Hoy Jonadaba tamin'i Amnona hoe: "Nahoana, ry zanaky ny mpanjaka, no ketraka isa-maraina ianao? Tsy hiteny amiko ve ianao?" Dia namaly azy Amnona hoe: "Tiako i Tamara, anabavin'i Absaloma rahalahiko."
[5]Dia hoy i Jonadaba taminy hoe: "Mandria eo amin'ny fandrianao ary modia marary. Rehefa tonga hijery anao ny rainao, dia anontanio izy hoe: 'Afaka alefanao aty amiko ve i Tamara anabaviko azafady mba hanome zavatra ho haniko sy hahandro izany eto anoloako, ka mba ahafahako mahita izany sy mihinana izany avy amin'ny tanany?'" [6]Noho izany dia nandry Amnona ka nody narary. Rehefa tonga nijery azy ny mpanjaka, dia hoy Amnona tamin'ny mpanjaka hoe: "Mba alefaso re Tamara anabaviko mba hanao sakafo eto anoloako amin'izao aretiko izao mba ahafahako mihinana izay avy amin'ny tanany."
[7]Dia nandefa teny ho an'i Tamara tao an-dapany i Davida, nanao hoe: "Mandehana any amin'ny tranon'i Amnona anadahinao izao ka manomàna sakafo ho azy." [8]Dia nandeha tany amin'ny tranon'i Amnona anadahiny tany amin'izay nandriany i Tamara. Naka koba izy ary namolavola izany ka nanamboatra mofo teo imasony, ary dia nahandro izany izy avy eo. [9]Nalainy ny lasitra ka nomeny azy ny mofo, fa nandà tsy hihinana izy. Avy eo dia hoy i Amnona tamin'ireo hafa izay teo hoe: "Avohay any ivelany ny olona rehetra, ho lavitra ahy." Ka nandeha niala teo aminy ny olona rehetra.
[10]Ary hoy i Amnona tamin'i Tamara hoe: "Ento ao amin'ny efitranoko ny sakafo mba hihinanako azy avy amin'ny tananao." Dia nalain'i Tamara ny mofo izay efa nataony, ka nentiny tao amin'ny efitranon'i Amnona anadahiny. [11]Rehefa nitondra ny sakafo teo aminy izy, dia nihazona azy izy ka niteny taminy hoe: "Avia, mandria miaraka amiko, ry anabaviko." [12]Namaly azy izy hoe: "Tsia, ry anadahiko, aza terena aho, fa tsy tokony atao eto Israely ny zavatra tahaka izany. Aza manao izany zavatra maharikoriko izany!
[13]Ahoana no hialako amin'ny fahamenarako? Ary ny aminao? Ho tahaka ny iray amin'ireo adala eto Israely ianao! Ankehitriny, mba miresaha amin'ny mpanjaka, fa tsy hisakana ahy tsy ho anao izy." [14]Fa na izany aza dia tsy nihaino azy Amnona. Satria natanjaka noho Tamara izy, dia nisambotra azy izy ary nandry niaraka taminy.
[15]Ary nankahala an'i Tamara tamin'ny fankahalana tafahoatra i Amnona. Nankahala azy lavitra noho ny naniriany azy izy. Hoy i Amnona taminy hoe: "Mitsangàna ary mandehana." [16]Fa izy namaly azy hoe: "Tsia! Satria izao faharatsiana

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

lehibe amin'ny fandroahanao ahy izao dia ratsy noho ny nataonao tamiko!" Nefa tsy nihaino azy i Amnona. [17]Fa kosa, niantso ireo mpanompony izy ka nanao hoe: "Esory tsy ho eto amiko ity vehivavy ity, ary hidio ny varavarana rehefa tafavoaka izy."
[18]Dia navoakan'ny mpanompony tany ivelany izy ary nidiny ny varavarana rehefa tafavoaka izy. Nitafy akanjo lava voaravaka tsara i Tamara satria ireo zanaka vavin'ny mpanjaka izay virijiny dia niakanjo toy izany. [19]Nasian'i Tamara lavenona teo amin'ny lohany ary norovitiny ny akanjony. Niloloha ny tanany tamin'ny lohany izy ary nandeha, nitomany mafy teny am-pandehanana.
[20]Hoy i Absaloma anadahiny taminy hoe: "Niaraka taminao ve i Amnona anadahinao? Nefa mangina, ry anabaviko. Anadahinao izy. Aza mandray izany zavatra izany am-po." Dia nitoetra irery tao amin'ny tranon'i Absaloma anadahiny i Tamara. [21]Fa rehefa henon'i Davida mpanjaka izany zavatra rehetra izany, dia tezitra mafy izy. [22]Ary i Absaloma tsy niteny na inona na inona tamin'i Amnona, satria i Absaloma nankahala azy noho izay efa nataony taminy sy ny fomba nanalany baraka an'i Tamara anabaviny.
[23]Ary nony afaka roa taona katroka dia nanana mpanety ondry niasa tao Bala-hazora i Absaloma, izay akaikin'i Efraima, ary Absaloma nanasa ireo zanaka lahin'ny mpanjaka rehetra mba hitsidika ao. [24]Nankany amin'ny mpanjaka Absaloma ka nanao hoe: "Indro ankehitriny, ny mpanomponao dia manana mpanety ondry. Koa, aoka ny mpanjaka sy ireo mpanompony hiaraka amiko, mpanomponao."
[25]Dia namaly an'i Absaloma ny mpanjaka hoe: "Tsia, ry zanako, tsy tokony handeha hiaraka aminao avokoa izahay rehetra satria ho enta-mavesatra ho anao." Namporisika ny mpanjaka i Absaloma, nefa tsy nandeha izy, kanefa nitso-drano an'i Absaloma izy. [26]Dia hoy i Absaloma hoe: "Raha tsy izany, avelao re i Amnona rahalahiko andeha hiaraka aminay." Dia hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Fa nahoana i Amnona no tokony hiaraka aminareo?"
[27]Noteren'i Absaloma i Davida, ka dia namela an'i Amnona sy ireo zanaka lahin'ny mpanjaka rehetra andeha hiaraka aminy izy. [28]Nandidy ireo mpanompony i Absaloma nanao hoe: "Mihainoa tsara. Rehefa manomboka mamon'ny divay i Amnona, ary rehefa miteny aminareo aho hoe: 'Tafiho i Amnona,' dia vonoy izy. Aza matahotra. Tsy efa nandidy anareo ve aho? Mahereza ary manàna herim-po." [29]Koa dia nataon'ireo mpanompon'i Absaloma tamin'i Amnona araka izay efa nandidiany azy ireo. Dia nitsangana ireo zanaka lahin'ny mpanjaka rehetra, ary nitaingina ny ampondrany ny olona rehetra ka nandositra.
[30]Ary raha mbola teny an-dalana izy ireo, dia tonga tany amin'i Davida ny vaovao manao hoe: "Novonoin'i Absaloma ireo zanaka lahin'ny mpanjaka rehetra, ka tsy nisy na dia iray aza niangana tamin'izy ireo." [31]Dia nitsangana ny mpanjaka ka nandriatra ny fitafiany, dia nandry teo amin'ny tany; ary ireo mpanompony rehetra nijoro teo akaiky teo niaraka tamin'ny fitafiana rovitra.
[32]Ary i Jonadaba zanak'i Simea, rahalahin'i Davida, namaly ary nanao hoe: "Aoka ny tompoko tsy hino fa namono ny tovolahy rehetra izay zanaky ny mpanjaka izy ireo, satria i Amnona irery no maty. Absaloma efa nanomana izao nanomboka tamin'ny andro izay nanolanan'i Amnona an'i Tamara anabaviny. [33]Noho izany aoka ny tompoko mpanjaka tsy handray izany tatitra izany am-po, ka hino fa ny zanaky ny mpanjaka rehetra no maty, satria Amnona irery ihany no maty."
[34]Nandositra lavitra i Absaloma. Nisy mpanompo mpiambina nanandratra ny masony ka nahita olona maro tamy teny amin'ny lalana teny amin'ny havoana andrefany. [35]Dia hoy i Jonadaba tamin'ny mpanjaka hoe: "Indro, tamy ireo zanaka lahin'ny mpanjaka. Tahaka izay nolazain'ireo mpanomponao mihitsy izany." [36]Ary rehefa tapitra ny teniny, dia tonga ireo zanaka lahin'ny mpanjaka ka nanandratra ny feon'izy ireo ary nitomany. Ny mpanjaka sy ny mpanompony rehetra koa dia nitomany mafy.
[37]Fa i Absaloma nandositra ary nankany amin'i Talmay, zanaka lahin'i Amihoda, ilay mpanjakan'i Gesora. Nisaona ny zanany isan'andro i Davida. [38]Noho izany i Absaloma dia nandositra ary nankany Gesora, izay nitoerany telo taona. [39]Fa ny sain'i Davida Mpanjaka naniry hivoaka hijery an'i Absaloma, fa nionona mahakasika ny amin'i Amnona sy ny fahafatesany izy.

14 [1]Ary i Joaba zanaka lahin'i Zeroia dia nahafantatra fa naniry ny hahita an'i Absaloma ny fon'ny mpanjaka. [2]Noho izany dia nandefa teny ho any Tekoa i Joaba ary nitondra vehivavy hendry tany aminy. Hoy izy tamin-dravehivavy hoe: "Mba miangavy re ataovy ohatran'ny hoe misaona ianao ary mitafia akanjo fisaonana. Mba miangavy re aza hosorana diloilo ny tenanao, fa manaova toy ny vehivavy izay nisaona ny maty efa ela. [3]Avy eo dia mandehana mankany amin'ny mpanjaka ary resaho aminy ny momba izay ho faritako." Dia nolazain'i Joaba taminy ireo teny izay tokony ho lazainy amin'ny mpanjaka.
[4]Rehefa niresaka tamin'ny mpanjaka ilay vehivavy avy any Tekoa, dia nampiankohoka ny tavany tamin'ny tany izy ary nanao hoe: "Ampio aho, ry mpanjaka." [5]Dia hoy ilay mpanjaka taminy hoe: "Inona no olana?" Namaly izy hoe: "Ny marina dia mpitondratena aho, ary maty ny vadiko." [6]Izaho, mpanomponao, dia manan-janaka roa lahy, ary niady teny an-tsaha izy ireo, ka tsy nisy nanasaraka azy ireo. Ny anankiray namely ilay iray ka nahafaty azy.
[7]Ankehitriny dia mitsangana manohitra ny mpanomponao ny fianakaviambe manontolo, ary hoy izy ireo hoe: 'Atolory ilay lehilahy izay namely ny rahalahiny, mba hamonoanay azy ho faty, mba hanonitra ny ain'ny rahalahiny izay

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

novonoiny.' Koa dia ho vonoin'izy ireo koa ny mpandova. Dia toy izany koa no hanesoran'izy ireo ny vain'afo mirehitra izay navelako, ary tsy hamela anarana na taranaka eto ambonin'ny tany ho an'ny vadiko izy ireo."
[8]Koa dia hoy ny mpanjaka tamin-dravehivavy hoe: "Mandehana any an-tranonao, ary handidy zavatra hatao ho anao aho." [9]Dia namaly ny mpanjaka ilay vehivavin'i Tekoa hoe: "Ry mpanjaka, tompoko, aoka ho amiko sy ho amin'ny fianakavian-draiko ny heloka. Tsy manan-tsiny ny mpanjaka sy ny seza fiandrianany."
[10]Namaly ny mpanjaka hoe: "Na iza na iza milaza zavatra aminao, dia ento aty amiko izy, ary tsy hikasika anao intsony izy." [11]Dia hoy izy hoe: "Mba miangavy re, aoka ny mpanjaka hahatsiaro an'i Yaveh Andriamanitrao, ka tsy hamotika na iza na iza bebe kokoa ny mpamaly rà, mba tsy hamotehan'izy ireo ny zanako lahy." Dia namaly ilay mpanjaka hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh, dia tsy hisy na dia singam-bolo iray amin'ny zanakao aza hihintsana amin'ny tany."
[12]Dia hoy ravehivavy hoe: "Mba miangavy re avelao ny mpanomponao mba hilaza teny fanampiny amin'ny tompoko ilay mpanjaka." Dia hoy izy hoe: "Mitenena." [13]Dia hoy ravehivavy hoe: "Koa nahoana ary ianao no mihevitra zavatra tahaka izany amin'ny vahoakan'Andriamanitra? Fa amin'ny fitenenana izany zavatra izany, dia toy ny olona izay meloka ny mpanjaka, satria tsy mbola nampody indray ny zanany lahy voaroaka ny mpanjaka. [14]Fa tsy maintsy ho faty isika rehetra, ary toy ny rano araraka amin'ny tany isika, izay tsy afaka raofina intsony. Fa Andriamanitra tsy haka ny aina; fa kosa, mahita lalana ho an'ireo izay voaroaka Izy mba ho averina indray.
[15]Koa ankehitriny ary, tonga hiresaka izany zavatra izany amin'ny mpanjaka tompoko aho, izany dia satria nampitahotra ahy ny vahoaka. Koa niteny tamin'ny tenany ny mpanomponao hoe: 'Hiresaka amin'ny mpanjaka aho izao. Angamba hanatanteraka ny fangatahan'ny mpanompony ny mpanjaka. [16]Satria hihaino ahy ny mpanjaka, mba hanolorana ny mpanompony ho afaka amin'ny tanan'ilay lehilahy izay hamotika ahy sy ny zanako lahy, ho afaka amin'ny lovan'Andriamanitra.' [17]Avy eo dia nivavaka ny mpanomponao hoe: "Ry Yaveh, aoka hanamaivana ahy ny tenin'ny mpanjaka tompoko, satria toy ny anjelin'Andriamanitra, dia toy izany koa ny mpanjaka tompoko amin'ny fitenenana ny tsara avy amin'ny ratsy.' Homba anao anie Yaveh Andriamanitrao."
[18]Avy eo dia namaly ny mpanjaka ka niteny tamin-dravehivavy hoe: "Mba miangavy re aza afenina amiko izay rehetra hanontaniako anao." Dia namaly ravehivavy hoe: "Aoka hiteny ny mpanjaka tompoko ankehitrin."[19]Dia hoy ny mpanjaka hoe: "Moa ve tsy miaraka aminao amin'izao rehetra izao ny tanan'i Joaba?" Dia namaly ravehivavy ka nanao hoe: "Raha mbola velona koa ianao, ry mpanjaka tompoko, dia tsy misy afaka mandositra mankany ankavanana na ankavia amin'ny zavatra rehetra izay nolazain'ny mpanjaka tompoko. I Joaba mpanomponao no nandidy ahy sy niteny tamiko mba hilaza ireo zavatra izay notenenin'ny mpanomponao ireo. [20]Efa nanao izany i Joaba mpanomponao mba hampiova ny zava-mitranga. Hendry ny tompoko, toy ny fahendren'ny anjelin'Andriamanitra, ary fantany ny zavatra rehetra izay mitranga eo amin'ny tany."
[21]Dia hoy ny mpanjaka tamin'i Joaba hoe: "Indro ary, hanao izany zavatra izany aho. Mandehana, ary ento miverina ilay tovolahy Absaloma." [22]Noho izany i Joaba dia nampiankohoka ny tavany tamin'ny tany ho voninahitra sy fisaorana ny mpanjaka. Hoy i Joaba hoe: "Ankehitriny dia fantatry ny mpanomponao fa nahita sitraka teo imasonao aho, ry mpanjaka tompoko, amin'ny fanatanterahan'ny mpanjaka ny fangatahan'ny mpanompony."
[23]Dia nitsangana i Joaba, ka nankany Gesora, ary nitondra an'i Absaloma niverina tany Jerosalema. [24]Hoy ny mpanjaka hoe: "Aoka izy hiverina any an-tranony, fa aza atao mahita ny tavako." Noho izany dia niverina tany an-tranony manokana i Absaloma, fa tsy nahita ny tavan'ny mpanjaka.
[25]Ary nanerana an'Israely dia tsy nisy olona noderaina tamin'ny hatsaran-tarehiny mihoatra noho i Absaloma. Avy any am-paladiany ka hatrany an-tampon-dohany dia tsy nisy kilema tany aminy. [26]Rehefa manapaka ny volon-dohany izy isaky ny faran'ny taona, satria navesatra taminy izany, dia nolanjainy ny volony; milanja eo amin'ny roanjato sekely eo izany, izay lanjaina amin'ny fandanjan'ny mpanjaka. [27]I Absaloma dia niteraka telo lahy sy iray vavy, Tamara no anarany. Vehivavy tsara tarehy izy.
[28]Nipetraka roa taona feno tao Jerosalema i Absaloma, fa tsy nahita ny tavan'ny mpanjaka. [29]Avy eo i Absaloma dia nandefa teny ho an'i Joaba mba handefa azy any amin'ny mpanjaka, saingy tsy tonga tany aminy i Joaba. Dia nandefa teny fanindroany i Absaloma, kanefa tsy mbola tonga ihany i Joaba.
[30]Dia hoy i Absaloma tamin'ireo mpanompony hoe: "Indro, eo akaikin'ny ahy ny tanimbarin'i Joaba, ary manana vary hordea ao izy. Mandehana ary dory izany." Koa nodoran'ireo mpanompon'i Absaloma ilay tanimbary. [31]Avy eo dia nitsangana i Joaba ary nankany amin'i Absaloma tany an-tranony, ka nanao taminy hoe: "Nahoana no nodoran'ireo mpanomponao ny tanimbariko?"
[32]Dia namaly an'i Joaba i Absaloma hoe: "Indro, nandefa teny taminao aho nanao hoe: 'Tongava aty mba hahafahako maniraka anao ho any amin'ny mpanjaka mba hilaza hoe: "Nahoana aho no niala tany Gesora? Tsara kokoa ho ahy ny mbola mijanona any. Noho izany ary dia aoka aho hijery ny tavan'ny mpanjaka, ka raha meloka aho, dia aoka izy hamono ahy."'" [33]Dia lasa nankany amin'ny mpanjaka i Joaba ary niteny taminy. Rehefa nampiantso an'i Absaloma ny mpanjaka, dia nanatona ny mpanjaka izy ary niankohoka ambany teo amin'ny tany nanoloana ny mpanjaka, ary norohan'ny mpanjaka i Absaloma.

15 [1]Ary taorian'izany dia nanomana kalesy sy soavaly ho azy i Absaloma, niaraka tamin'ny lehilahy dimampolo mba hialoha azy. [2]Nifoha maraina i Absaloma ary nijoro teo amin'ny lalana mankany amin'ny vavahadin'ny tanàna.

Rehefa nisy olona nanana ady ho entina eo amin'ny fitsaràn'ny mpanjaka, dia niantso azy i Absaloma ary niteny hoe: "Avy aiza ny tanàna niavianao?" Dia namaly ilay lehilahy hoe: "Avy amin'ny iray amin'ireo fokon'Israely ny mpanomponao."
[3]Dia niteny taminy i Absaloma hoe: "Indro, tsara sy marina ny raharahanao, saingy tsy misy olona nomen'ny mpanjaka fahefana hihaino ny raharahanao." [4]Dia nampian'i Absaloma hoe: "Iriako raha mba natao ho mpitsara teto amin'ny tany aho, mba ho tonga eo amiko ny olona rehetra izay manana ady na raharaha, ary hanome rariny ho azy aho!"
[5]Ary rehefa nisy olona tonga teo amin'i Absaloma mba hanome haja azy, dia namoaka ny tanany izy ary nandray azy ka nanoroka azy. [6]Nanao toy izany tamin'ireo Israely rehetra izay nankeo amin'ny fitsaran'ny mpanjaka i Absaloma. Koa dia naka ny fon'ny olon'Israely i Absaloma.
[7]Ary tamin'ny fiafaran'ny taona efatra dia hoy i Absaloma tamin'ny mpanjaka hoe: "Avelao re aho mba handeha ary hanefa ny voady nataoko tamin'i Yaveh tany Hebrona. [8]Fa nanao voady ny mpanomponao fony izaho nonina tany Gesora tany Syria, nanao hoe: 'Raha ho entin'i Yaveh miverina any Jerosalema tokoa aho, dia hanompo an'i Yaveh.'"
[9]Koa hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Mandehana am-piadanana." Koa niainga i Absaloma ka nankany Hebrona. [10]Saingy avy eo dia naniraka mpitsikilo eraky ny fokon'Israely rehetra i Absaloma, niteny hoe: "Vantany vao mandre ny feon-trompetra ianareo, dia aoka hiteny hoe: 'Absaloma no mpanjaka any Hebrona.'"
[11]Nisy lehilahy roanjato avy any Jerosalema nandeha niaraka tamin'i Absaloma, izay voaasa. Nandeha tamin'ny tsy fananan-tsiny izy ireo, ary tsy nahalala na inona na inona tamin'izay nokasain'i Absaloma. [12]Rehefa nanolotra sorona i Absaloma, dia nampaka an'i Ahitofela avy any amin'ny tanàna niaviany any Gilo izy. Mpanolo-tsainan'i Davida izy. Nahery vaika ny fikonokononan'i Absaloma, satria tsy nitsaha-nitombo ny olona nanaraka azy.
[13]Nisy iraka nankeo amin'i Davida nanao hoe: "Manaraka an'i Absaloma ny fon'ireo olon'Israely." [14]Koa hoy i Davida tamin'ireo mpanompony rehetra izay niaraka taminy tao Jerosalema hoe: "Mitsangàna ary andao handositra, raha tsy izany dia tsy hisy ho afa-mandositra an'i Absaloma isika. Miomàna hiala dieny izao, raha tsy izany dia hahatratra antsika faingana izy, ary hitondra loza eto amintsika izy ka hanafika ny tanàna amin'ny lelan-tsabatra." [15]Dia hoy ireo mpanompon'ny mpanjaka tamin'ny mpanjaka hoe: "Indro, vonona ny hanao izay rehetra tapaky ny mpanjaka tomponay ny mpanompony."
[16]Dia niala ny mpanjaka ary narahin'ny fianakaviany rehetra, fa namela vehivavy folo, izay vaditsindrano, mba hiandry ny lapa ny mpanjaka. [17]Rehefa avy nivoaka ny mpanjaka sy ireo olona rehetra tao aoriany, dia nijanona teo amin'ny trano farany izy ireo. [18]Nandeha niaraka taminy ny tafiny rehetra, ary nandeha teo alohany ireo Keretita, sy ireo Peletita ary ireo Gatita rehetra—lehilahy eninjato no nanaraka azy avy any Gata.
[19]Dia hoy ny mpanjaka tamin'Itahy Gatita hoe: "Nahoana ianao no handeha hiaraka aminay? Miverana ary mijanòna miaraka amin'ny mpanjaka, fa vahiny sady sesin-tany ianao. Miverena any amin'ny fitoeranao ihany. [20]Satria vao niala omaly ianao, dia nahoana aho no tokony hamela anao hirenireny hiaraka aminay? Tsy fantatro akory izay alehako. Koa miverena ary ento miverina ireo mpiray firenena namanao. Hiaraka aminao anie ny fahitsiana sy ny fahatokiana."
[21]Fa Itahy namaly ny mpanjaka ary niteny hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh, ary raha mbola velona koa ny mpanjaka tompoko, any amin'ny toerana rehetra andehanan'ny mpanjaka tokoa, dia any koa no halehan'ny mpanomponao, na midika fahavelomana izany na fahafatesana." [22]Koa hoy i Davida tamin' Itahy hoe: "Mandrosoa ary manohiza miaraka aminay." Koa dia nandeha niaraka tamin'ny mpanjaka Itahy Gatita mbamin'ireo lehilahiny rehetra sy ireo fianakaviany rehetra izay niaraka taminy. [23]Nitomany tamin'ny feo mafy ny tanàna manontolo raha nandalo ny Lohasahan'i Kidrona ireo vahoaka, ary raha niampita ihany koa ny mpanjaka. Nandeha teny an-dalana nizotra ho any an-tany efitra ny olona rehetra.
[24]Na Zadoka niaraka tamin'ireo Levita rehetra, izay nilanja ny fiaran'ny faneken'Andriamanitra aza dia teo. Nahidin'izy ireo ny fiaran'Andriamanitra, dia nihazo azy ireo i Abiatara. Niandry ambara-pandalon'ny vahoaka avy ao an-tanàna izy ireo. [25]Hoy ny mpanjaka tamin'i Zadoka hoe: "Lanjao miverina any an-tanàna ny fiaran'Andriamanitra. Raha mahita fitia eo imason'i Yaveh aho, dia hitondra ahy hiverina Izy ary hampiseho ny fiara sy ny toerana honenany indray. [26]Fa raha miteny Izy hoe: 'Tsy mankasitraka anao Aho,' indro, inty aho, aoka hataony amiko izay rehetra hitany fa mety Aminy."
[27]Hoy ihany koa ny mpanjaka tamin'i Zadoka mpisorona hoe: "Tsy mpahita angaha ianao? Miverena any an-tanàna am-piadanana, mbamin'ireo zanakao roa lahy miaraka aminao, dia Ahimaza zanakao, sy Jonatana zanak'i Abiatara. [28]Indro, hiandry eo amin'ny fitàna amin'ny efitr'i Araba aho ambara-pahatongan'ny teny avy aminao hampahafantatra ahy." [29]Koa dia nitondra ny fiaran'Andriamanitra niverina tany Jerosalema i Zadoka sy Abiatara, ary nitoetra tany izy ireo.
[30]Fa niakatra tsy nikiraro sy nitomany nankany amin'ny Tendrombohitr'Oliva i Davida, ary nisarona ny lohany. Ny olona rehetra teo amin'ny vahoaka niaraka taminy dia nanarona ny lohany, ary nandeha niakatra am-pitomaniana teny am-pandehanana izy ireo. [31]Nisy olona niteny tamin'i Davida nanao hoe: "Isan'ireo mpikonokonona miaraka amin'i Absaloma i Ahitofela." Koa nivavaka i Davida hoe: "Yaveh o, avadiho ho fahadalana re ny torohevitr'i Ahitofela."
[32]Ary i Davida rehefa tonga teo an-tampon'ny lalana, izay efa fanompoana an'Andriamanitra, dia tonga nihaona taminy i Hosay ilay Arkita niaraka tamin'ny akanjony rovitra sy vovon-tany teo amin'ny lohany. [33]Hoy i Davida taminy hoe: "Raha mandeha miaraka amiko ianao, dia ho vesatra ho ahy. [34]Fa raha miverina any an-tanàna ianao ka miteny amin'i Absaloma hoe: 'Ho mpanomponao aho, ry mpanjaka, tahaka ny naha-mpanompon'ny rainao ahy tamin'ny andro taloha, dia ho mpanomponao ihany koa aho ankehitriny,' dia hampikorontana ny torohevitr'i Ahitofela ho ahy ianao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[35]Tsy manana an'i Zadoka sy Abiatara mpisorona hiaraka aminao ve ianao? Koa na inona na inona renao ao amin'ny lapan'ny mpanjaka, dia aoka ho lazainao amin'i Zadoka sy Abiatara mpisorona izany. [36]Ezaho tsara mba hiaraka amin'izy ireo any ny zanany roa lahy, dia Ahimaza, zanak'i Zadoka, sy Jonatana, zanak'i Abiatara. Aoka halefanao aty amiko amin'ny tanan'izy ireo ny zavatra rehetra izay renao." [37]Koa dia nankany an-tanàna i Hosay, naman'i Davida, raha vao tonga sy niditra an'i Jerosalema i Absaloma.

16 [1]Rehefa niala tsy lavitra ny tampon'ny tendrombohitra i Davida, dia tonga nitsena azy i Ziba mpanompon'i Mefiboseta niaraka tamin'ireo ampondra roa misy lasely; izy ireo dia nitondra mofo roanjato, sampam-boaloboka zato sy fehezan'aviavy zato, ary divay iray tavoara. [2]Nilaza tamin'i Ziba ny Mpanjaka hoe: "Nahoana no nitondra ireo zavatra ireo ianao?" Namaly i Ziba hoe: "Ny ampondra dia natao ho taingenan'ny ankohonan'ny mpanjaka, ny mofo sy ny mofo mamy misy aviavy dia natao ho hanin'ireo olonao, ary ny divay dia natao ho sotroin'ireo izay torovana tany an-tany hay."
[3]Hoy ny mpanjaka hoe: "Aiza ary ny zafy lahin'ny tomponao?" Namaly ny mpanjaka i Ziba: "Indro, nijanona tany Jerosalema izy, fa hoy izy hoe: 'Anio dia ho averin'ny ankohonan'Israely amiko ny fanjakan'ny raiko.'" [4]Dia niteny tamin'i Ziba ny mpanjaka hoe: "Indro, izay an'i Mefiboseta rehetra dia lasanao ankehitriny." Namaly i Ziba hoe: "Miondrika am-panetre-tena eo anatrehanao aho, ry mpanjaka, tompoko. Aoka hahita sitraka eo imasonao aho."
[5]Rehefa nanatona an'i Bahorima i Davida Mpanjaka, dia nisy lehilahy avy amin'ny fokon'i Saoly nipoitra avy any, antsoina hoe: Simey zanak'i Gera. Nivoaka nanozona teny am-pandehanana izy. [6]Notorahany vato i Davida sy ireo manam-pahefan'ny mpanjaka rehetra, na dia teo aza ireo tafika sy ireo mpiambina izay teo an-kavia sy havanan'ny mpanjaka.
[7]Niantso fanozonana i Simey: "Mandehana any, mandehana mivoaka eto, ianao izay mpanao ratsy, ianao izay olona mpandatsa-drà! [8]Novalian'i Yaveh taminareo rehetra ny ràn'ny fianakavian'i Saoly izay nalatsakareo, tamin'ny toerana izay nanjakanareo. Nomen'i Yaveh teo an-tanan'i Absaloma zanakao ny fanjakana. Tonga amin'ny faharavana ianao satria olon'ny rà."
[9]Dia hoy i Abisay zanaka lahin'i Zeroia, tamin'ny mpanjaka hoe: "Nahoana io alika maty io no manozona ny mpanjaka tompoko? Avelao re aho handeha ary hanapaka ny lohany." [10]Fa niteny ny mpanjaka hoe: "Mpifaninona moa izaho sy ianao, ry zanaka lahin'i Zeroia? Manozona ahy angamba izy satria nilaza taminy i Yaveh hoe: 'Ozony i Davida.' Iza izany no afaka hiteny aminy hoe: 'Nahoana ianao no manozona ny mpanjaka?'"
[11]Ka hoy i Davida tamin'i Abisay sy ny mpanompony rehetra hoe: "Indro, ny zanako lahy, izay naterako, dia te-hifofo ny aiko. Koa maika fa ny fanirian'ity Benjamina ity ny amin'ny faharavako? Avelao izy ary avelao izy hanozona, satria nibaiko azy hanao izany Yaveh. [12]Hijery ny fahoriana mianjady amiko angamba i Yaveh, ary hamaly soa ahy nohon'ny ozona nataony tamiko anio."
[13]Koa nandeha teny an-dalana i Davida sy ny olony, ary Simey kosa nanaraka azy ireo avy eny ampita teny an-tampon'ny havoana, nanozona sy namafy vovoka ary nitora-bato azy raha nandeha izy. [14]Avy eo dia reraka ny mpanjaka sy ny olona rehetra izay niaraka taminy, ka naka aina izy rehefa nijanona izy ireo ny alina.
[15]Ary i Absaloma sy ny olon'Israely rehetra izay niaraka taminy, dia tonga tao Jerosalema, ary niaraka taminy i Ahitofela.
[16]Ary rehefa tonga teo amin'i Absaloma, i Hosay ilay Arkita, naman'i Davida, dia nilaza tamin'i Absaloma i Hosay hoe: "Ho ela velona anie ny mpanjaka! Ho ela velona anie ny mpanjaka!"
[17]Hoy i Absaloma tamin'i Hosay hoe: "Izao ve no fahatokianao asehonao amin'ny namanao? Nahoana ianao no tsy nandeha niaraka taminy?" [18]Hoy i Hosay tamin'i Absaloma hoe: "Tsia! Fa ilay iray izay nofidian'i Yaveh sy ity vahoaka ity ary ny olon'Israely rehetra kosa, no lehilahy izay hombako, ary hitoetra eo aminy aho.
[19]Iza ihany koa, no olona tokony ho tompoiko? Tsy tokony hanompo eo amin'ny fanatrehan'ny zanany lahy ve aho? Tahaka ny nanompoko teo amin'ny fanatrehan'ny rainao, dia hanompo eo amin'ny fanatrehanao aho."
[20]Dia hoy i Absaloma tamin'i Ahitofela hoe: "Omeo ny torohevitrao izahay ny amin'ny tokony ho ataonay." [21]Namaly an'i Absaloma i Ahitofela hoe: "Mandehana mandry miaraka amin'ireo vady mpanompon'ny rainao izay navelany hiambina ny lapa, ary ho ren'Israely rehetra fa nanamaimbo tena teo amin'ny rainao ianao. Avy eo dia hatanjaka ny tanan'ireo rehetra miaraka aminao."
[22]Ary namelatra lay ho an'i Absaloma teo an-tampon'ny lapa izy ireo, ka niara-nandry tamin'ireo vady andevon'ny rainy teo imason'Israely rehetra i Absaloma. [23]Ary ilay torohevitra izay nomen'i Ahitofela tamin'izany andro izany dia toy ny hoe ren'olona avy tamin'ny vavan'Andriamanitra mihitsy. Izany no fahitan'i Davida sy Absaloma ny torohevitr'i Ahitofela rehetra.

17 [1]Dia niteny tamin'i Absaloma i Ahitofela hoe: "Avelao aho hifidy lehilahy roa arivo sy iray alina, ary hitsangana sy hanenjika an'i Davida aho anio alina. [2]Ho tonga eo aminy aho raha mbola reraka sy malemy iny izy ary hanapoka azy amin-tahotra aho. Handositra ny vahoaka izay miaraka aminy, ary ny mpanjaka ihany no ho tafihiko. [3]Ho entiko miverina aminao avokoa ny olona rehetra, toy ny vehivavy ampakarina tonga eo amin'ny vadiny, ary ny olona rehetra dia hilamina eo ambany fahefanao." [4]Izay nolazain'i Ahitofela dia nankasitrahan'i Absaloma sy ireo loholon'Israely rehetra.

[5]Dia hoy i Absaloma hoe: "Antsoy ihany koa i Hosay ilay Arkita izao, ary aoka isika handre izay lazainy." [6]Rehefa tonga teo amin'i Absaloma i Hosay, dia nazavain'i Absaloma taminy izay nolazain'i Ahitofela ary nanontany an'i Hosay izy hoe: "Tokony hanao izay nolazain'i Ahitofela ve isika? Raha tsia, lazao anay izay torohevitrao." [7]Dia niteny tamin'i Absaloma i Hosay hoe: "Tsy tsara ny torohevitra izay nomen'i Ahitofela tamin'ity."
[8]Dia nanampy i Hosay hoe: "Fantatrao fa mpiady mahery ny rainao sy ireo lehilahiny, ary masiaka izy ireo, ary toy ny bera very anaka any an-tsaha. Lehilahy mpiady ny rainao; tsy hatory miaraka amin'ny tafika izy anio alina. [9]Indro, mety miafina any an-davaka na any an-toeran-kafa izy izao. Rehefa misy maty eo am-panombohan'ny fanafihana ny lehilahinao sasany, na iza na iza mandre izany dia hiteny hoe: 'Misy famonoana mitranga eo amin'ireo miaramila izay manaraka an'i Absaloma.' [10]Ka na dia ireo miaramila be herim-po indrindra aza, izay tahaka ny fon'ny liona ny fon'izy ireo, dia hatahotra satria fantatry ny Israely rehetra fa lehilahy mahery ny rainao, ary ireo lehilahy miaraka aminy dia tena matanjaka.
[11]Noho izany dia manoro hevitra anao aho fa tokony havory miaraka eto aminao ny Israely rehetra, manomboka any Dana ka hatrany Beri-sheba, izay maro isa toy ny fasika eo amoron-dranomasina, ary ny tenanao mihitsy no andeha hiady. [12]Avy eo dia ho tonga eo aminy izahay na aiza na aiza mety hahitana azy, ary handrakotra azy tahaka ny ando mianjera amin'ny tany izahay. Tsy misy avelanay ho velona na dia iray amin'ireo olony, na izy tenany aza.
[13]Raha misintaka any amin'ny tanàna iray izy, dia hitondra tady ho any amin'izany tanàna izany ny Israely rehetra ka ho tarihinay ho any an-drenirano izany, mandra-pahatsisy na dia vato kely iray aza hita ao." [14]Dia hoy i Absaloma sy ireo lehilahin'Israely hoe: "Ny torohevitr'i Hosay ilay Arkita dia tsara kokoa noho ny an'i Ahitofela." Yaveh dia nampisy fandavana ny torohevitra tsaran'i Ahitofela mba hitondrana loza eo amin'i Absaloma.
[15]Dia hoy i Hosay tamin'i Zadoka sy tamin'i Abiatara mpisorona hoe: "Ahitofela nanoro hevitra an'i Absaloma sy ireo loholon'Israely tamin'ny fomba tahaka izany, nefa izaho manana hevitra hafa. [16]Koa ankehitriny ary, mandehana faingana ary tatero any amin'i Davida; teneno izy hoe: 'Aza mitoby ao amin'ireo fitàn'i Araba anio alina, fa miampità amin'ny fomba rehetra, raha tsy izany dia ho voatelina miaraka amin'ireo vahoaka rehetra izay miaraka aminy ny mpanjaka.'"
[17]Ary i Jonatana sy Ahimaza nitoetra teo amin'ny loharanon'i En-rogela. Nisy mpanompo vavy natao handeha sy hampahalala azy ireo ny amin'izay tokony ho fantatr'izy ireo, fa tsy natahorana ho hita ny fidiran'izy ireo ao an-tanàna. Rehefa tonga ny hafatra, dia nandeha sy niteny an'i Davida Mpanjaka izy ireo. [18]Nefa nisy tovolahy nahita azy ireo tamin'io fotoana io ka niteny tamin'i Absaloma. Dia nivoaka faingana i Jonatana sy Ahimaza ary nankany an-tranon'ny lehilahy iray tao Bahorima, izay nanana lava-drano teo an-tokontaniny, tao no nidinan'izy ireo.
[19]Naka fandrakofana ilay lava-drano ny vadin-dralehilahy ary nandrakotra izany tamin'ny vavan'ny lava-drano, ary nanaparitaka vary teo amin'izany, ka dia tsy nisy nahalala fa tao amin'ny lava-drano i Jonatana sy Ahimaza. [20]Tonga tao amin-dravehivavy tao an-trano ireo lehilahin'i Absaloma ary nanao hoe: "Aiza i Ahimaza sy Jonatana?" Hoy ravehivavy tamin'izy ireo hoe: "Efa niampita ny ony izy ireo." Ka rehefa avy nijery ny manodidina izy ireo ka tsy nahita azy ireo, dia niverina tany Jerosalema.
[21]Ary rehefa lasa izy ireo dia niakatra avy tao an-dava-drano i Jonatana sy Ahimaza. Nandeha nitatitra tany amin'i Davida Mpanjaka izy ireo; hoy izy ireo taminy hoe: "Mitsangàna ary miampità faingana ny rano satria Ahitofela efa nanome torohevitra toy izao sy toy izao momba anao." [22]Dia nitsangana i Davida sy ny olona rehetra izay niaraka taminy, ka niampita an'i Jordana izy ireo. Nialohan'ny andro maraina dia tsy nisy tsy tafita an'i Jordana izy ireo.
[23]Rehefa hitan'i Ahitofela fa tsy narahina ny toroheviny, dia nanisy lasely ny borikiny izy ary lasa. Nody tany an-tanànany izy, nandamina ireo raharahany, ary nananto-tena. Tamin'izany fomba izany no nahafaty azy ary nalevina tany amin'ny fasan-drainy izy.
[24]Avy eo i Davida dia tonga tany Mahanaima. Raha ny amin'i Absaloma, dia niampita an'i Jordana izy, izy sy ireo lehilahin'Israely rehetra niaraka taminy. [25]Ary Absaloma nametraka an'i Amasa fa tsy Joaba hifehy ny tafika. Amasa dia zanaka lahin'i Jitra ilay Ismaelita,[1] izay nandry niaraka tamin'i Abigaila, izay zanaka vavin'i Nahasa ary rahavavin'i Zeroia, renin'i Joaba. [26]Ary Israely sy Absaloma dia nitoby tao amin'ny tanin'i Gileada.
[27]Ary rehefa tonga tao Mahanaima i Davida, i Soby zanaka lahin'i Nahasa avy ao Raba ao amin'ireo Amonita, sy Makira zanaka lahin'i Amiela avy ao Lo-debara, ary Barzilay ilay Gileadita avy any Rogelima, [28]dia nitondra fandriana sy bodofotsy, lovia sy vilany, sy vary, kobam-bary hordea, lango, tsaramaso, voanemba, [29]tantely, dibera, ondry, ary ronono mandry, mba hafahan'i Davida sy ireo vahoaka niaraka taminy mihinana. Hoy ireo lehilahy ireo hoe: "Noana, reraka, ary mangetaheta any an'efitra ny vahoaka."

---

[1]Fanamarihana: Ireo avara-pianarana dia tsy miombon- kevitra fa na ny teny faritana hoe Jitra dia tokony hoe "Ismaelita" toy ny ao amin'ny dikan-teny Grika taloha sasany, na hoe "Israelita" toy ny ao amin'ny lahatsoratra Hebreo taloha. Ireo avara-pianarana sasany dia mino fa fahadisoan'ny mpanao dika soratra amin'ny Hebreo ny hoe "Israelita". Ny hoe "Ismaelita" dia teny nampiasaina amin'ny andalan-teny mitovy (jereo 1Kor 2: 17), na ao amin'ireo lahatsoratra Hebreo taloha na Grika.

---

18 [1]Nanisa ireo miaramila izay niaraka taminy i Davida ary nanendry kapitenin'ny arivo sy kapitenin'ny zato teo amin'izy ireo. [2]Avy eo dia nalefan'i Davida ny tafika, ny ampahatelony teo ambany fifehezan'i Joaba, ny ampahatelony iray hafa teo ambany fifehezan'i Abisay zanaka lahin'i Zeroia, rahalahin'i Joaba, ary ampahatelony iray

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hafa teo ambany fifehezan'Itahy Gatita. Hoy ny mpanjaka tamin'ny tafika hoe: "Izaho ihany koa dia handeha hiaraka aminareo tokoa."
[3]Fa hoy ireo lehilahy hoe: "Aoka tsy handeha amin'ny ady ianao, fa raha mandositra amin'ny ady izahay dia tsy hiraharaha izay momba anay izy ireo, na raha maty ny antsasakay dia tsy hiraharaha izy ireo. Fa ianao dia mendrika ny iray alina aminay! Noho izany dia tsara raha vonona hanampy anay avy aty amin'ny tanàna ianao." [4]Ka namaly azy ireo ny mpanjaka hoe: "Ho ataoko izay mety ho tsara aminareo." Dia nitsangana teo amin'ny vavahady ny mpanjaka mandrapivoaka isan-jatony sy isan'arivony ny tafika.
[5]Nandidy an'i Joaba, Abisay, ary Itahy ny mpanjaka nanao hoe: "Nohon'ny amiko dia mifanaraha amin-katsaram-panahy amin'ilay tovolahy, amin'i Absaloma." Ny vahoaka rehetra dia nandre fa nanome izany baiko izany an'ireo kapiteny momban'i Absaloma ny mpanjaka.
[6]Ka lasa nankany ambanivohitra nanohitra an'Israely ny tafika; niparitaka tamin'ny alan'i Efraima ny ady. [7]Resy tany teo anatrehan'ireo miaramilan'i Davida ny tafik'Israely; nisy famonoana olona roa alina tany tamin'io andro io. [8]Niparitaka eraky ny faritra iray manontolo ny ady, ary maro kokoa ny olona ravan'ny ala noho ny sabatra.
[9]Ary nifanehatra tamin'ny sasany tamin'ireo miaramilan'i Davida i Absaloma. Nitaingina ny ampondrany izy, ary nandeha tao ambany sampana matevin'ny hazo terebinta lehibe ny ampondrany, ka voahazona tao amin'ny rantsan'ny hazo ny lohany. Tavela nikiraviravy teo anelanelan'ny tany sy ny lanitra izy raha lasa ny ampondra notaingenany. [10]Nisy olona iray nahita izany ka niteny tamin'i Joaba hoe: "Indro, hitako nihantona tamin'ny hazo terebinta i Absaloma." [11]Hoy i Joaba tamin'ilay olona izay niteny taminy ny momban'i Absaloma: "Indro, Hitanao izy! Nahoana no tsy novelesinao hianjera amin'ny tany izy? Mety ho nomeko sekela volafotsy folo sy fehinkibo ianao."
[12]Namaly an'i Joaba ilay olona hoe: "Na dia nandray sekela volafotsy arivo aza aho, dia mbola tsy haninjitra ny tanako amin'ny zanaky ny mpanjaka, satria renay rehetra fa ny mpanjaka dia nibaiko anao, an'i Abisay, sy an'Itahy, nanao hoe: 'Aoka tsy hisy na iza na iza hikasika an'ilay tovolahy dia i Absaloma.' [13]Raha nahafoy ny aiko tamin'ny lainga aho (ary tsy misy zavatra miafina amin'ny mpanjaka), dia mety ho nanary ahy ianao."
[14]Dia hoy i Joaba hoe: "Tsy hiandry anao aho." Ka naka lefona telo teny an-tanany i Joaba ary nandetika ireo tao amin'ny fon'i Absaloma, raha mbola velona sy nihantona teo amin'ny hazo terebinta izy. [15]Avy eo ireo tovolahy folo izay nilanja ny fitaovam-piadian'i Joaba nanodidina an'i Absaloma, namely azy, ary namono azy.
[16]Avy eo i Joaba nitsoka ny trompetra, ary niverina avy tamin'ny fanenjehana an'Israely ny tafika, satria i Joaba no nifehy ny tafika. [17]Nalain'izy ireo i Absaloma ka natsipin'izy ireo tany anaty lavaka lehibe tao an'ala; nalevin'izy ireo tao ambany antontam-bato lehibe ny vatany, raha toa ka nandositra ny Israely rehetra, ny olon-drehetra ho any an-tranony avy.
[18]Ary i Absaloma, raha mbola velona, dia nanangana antontam-bato lehibe tao amin'ny Lohasahan'ny Mpanjaka ho azy, fa hoy izy hoe: "Tsy manan-janaka lahy hitondra ny anarako aho." Nomeny ny anarany ilay antontam-bato, ka tamin'io andro io ihany dia nantsoina hoe: Tsangam-baton'i Absaloma izany.
[19]Ary hoy i Ahimaza zanak'i Zadoka hoe: "Avelao hihazakazaka hitondra vaovao mahafaly ho any amin'ny mpanjaka aho, dia ny fomba namonjen'i Yaveh azy teo an-tanan'ireo fahavalony." [20]Namaly azy i Joaba hoe: "Tsy ianao no ho mpitondra vaovao anio; aoka amin'ny andro manaraka ianao no manao izany. Tsy hitondra vaovao ianao anio satria maty ny zanaka lahin'ny mpanjaka."
[21]Ary hoy i Joaba tamin'ilay Kosita iray hoe: "Mandehana, lazao amin'ny mpanjaka izay hitanao." Dia niankohoka teo amin'i Joaba ilay Kosita, ary lasa nihazakazaka. [22]Avy eo i Ahimaza zanak'i Zadoka mbola niteny tamin'i Joaba indray hoe: "Na inona na inona mety hitranga, dia avelao hihazakazaka ihany koa aho ka hanaraka ilay Kosita." Joaba namaly hoe: "Nahoana ianao no te-hihazakazaka, ry zanako, nefa mahita fa tsy hahazo valisoa amin'ireo vaovao ianao?" [23]"Na inona na inona mitranga," hoy i Ahimaza, "Dia hihazakazaka aho." Ka namaly azy i Joaba hoe: "Mihazakazaha." Ary nihazakazaka tamin'ny tany lemaka i Ahimahaza, ka nihoatra an'ilay Kosita.
[24]Ary i Davida nipetraka teo anelanelan'ny anatiny sy ivelan'ny vavahady. Nandeha teny amin'ny tafon'ny vavahady teny amin'ny manda ilay mpiambina ary nanandratra ny masony. Raha nijery izy, dia nahita lehilahy nanatona, nihazakazaka irery. [25]Nihiakiaka ilay mpiambina ary niteny tamin'ny mpanjaka. Dia hoy ny mpanjaka hoe: "Raha irery izy, dia misy vaovao ao am-bavany." Nanatona akaiky ilay mpihazakazaka ary nanakaiky ny tanàna.
[26]Avy eo dia nahita mpihazakazaka iray hafa ilay mpiambina, ka nampiantso ny mpiandry vavahady izy; hoy izy hoe: "Indro, misy olona iray hafa mihazakazaka irery." Hoy ny mpanjaka hoe: "Mitondra vaovao ihany koa izy." [27]Ka niteny ilay mpiambina hoe: "Tahaka ny fihazakazak'i Ahimaza zanak'i Zadoka no fahitako ny fihazakazak'ilay olona iray eo aloha." Hoy ny mpanjaka hoe: "Lehilahy tsara izy ary tonga miaraka amin'ny vaovao mahafaly."
[28]Dia niantso mafy i Ahimahaza ary niteny tamin'ny mpanjaka hoe: "Mety ny zava-drehetra." Nampiankohoka ny tenany tamin'ny tavany teo amin'ny tany teo anatrehan'ny mpanjaka izy ary nanao hoe: "Deraina anie Yaveh Andriamanitrao! Nanafaka ny olona izay nanandratra ny tanan'izy ireo nanohitra ny mpanjaka tompoko Izy." [29]Ka namaly ny mpanjaka hoe: "Mety tsara ve ny amin'ilay tovolahy Absaloma?" Namaly i Ahimaza hoe: "Rehefa nandefa ahy, mpanompon'ny mpanjaka, hakaty aminao i Joaba, ry mpanjaka, dia nahita korontana lehibe aho, fa tsy fantatro hoe inona izany." [30]Dia hoy ny mpanjaka hoe: "Mitodiha kely ary mitsangàna eto." Ka nitodika kely Ahimaza, ary nitsangana.
[31]Dia tonga teo no ho eo ilay Kosita ka niteny hoe: "Misy vaovao mahafaly ho anao ry mpanjaka tompoko, fa ankehitriny Yaveh dia namaly faty anao tamin'ireo rehetra izay nitsangana nanohitra anao." [32]Ary hoy ny mpanjaka tamin'ilay Kosita hoe: "Mety tsara ve ny amin'ilay tovolahy Absaloma?" Namaly ilay Kosita hoe: "Ireo fahavalon'ny mpanjaka tompoko, sy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ireo rehetra izay mitsangana manohitra anao mba handratra anao, dia tokony ho tahaka an'io tovolahy io." [33]Dia ketraka fatratra ny mpanjaka, ka niakatra tany amin'ny efitrano ambonin'ny vavahady izy ary nitomany. Sady nandeha izy no nitaraina hoe: "Absaloma zanako, ny zanako, Absaloma zanako! Tokony ho izaho no maty fa tsy ianao, ry Absaloma, ny zanako, ny zanako!"

19 [1]Nolazaina tamin'i Joaba hoe: "Indro, mitomany sy misaona ho an'i Absaloma ny mpanjaka." [2]Ka dia nivadika fisaonana ho an'ny tafika rehetra ilay fandresena tamin'io andro io, fa ny tafika nahare izany tamin'io andro io hoe: "Misaona ho an'ny zanany lahy ny mpanjaka."
[3]Tsy maintsy niala mangingina ny tanàna tamin'io andro io ireo miaramila, tahaka ny vahoaka menatra miala moramora raha handeha an'ady izy ireo. [4]Nanarona ny tavany ny mpanjaka ary nitomany tamin'ny feo mafy hoe: "Ry Absaloma zanako, Absaloma, ny zanako, ny zanako!"
[5]Ary niditra tao an-trano tao amin'ny mpanjaka i Joaba ary niteny taminy hoe: "Nanala baraka ireo tavan'ny miaramilanao rehetra anio, izay nanavotra ny ainao androany, ny ain'ireo zanakao lahy sy ireo zanakao vavy, sy ny ain'ireo vadinao ary ny ain'ireo vadin'ny andevonao ianao, [6]satria ianao dia tia ireo izay mankahala anao, ary mankahala ireo izay tia anao. Fa androany dia nasehonao fa tsinontsinona aminao ireo mpifehy sy miaramila. Ankehitriny dia mino aho fa raha velona i Absaloma, ary maty daholo isika, dia ho nahafaly anao izany.
[7]Koa noho izany mitsangàna ka mivoaha ary resaho am-pahatsorana ireo miaramilanao, fa mianiana amin'i Yaveh aho, fa raha tsy mandeha ianao, dia tsy hisy olona na iray aza hijanona miaraka aminao anio alina. Ho ratsy kokoa aminao noho ny loza rehetra izay efa nihatra taminao hatramin'ny fahatanoranao ka hatramin'izao izany." [8]Koa nitsangana ny mpanjaka ary nipetraka teo am-bavahadin'ny tanàna, ary ny vahoaka rehetra nilazana hoe: "Indro, mipetraka eo am-bavahady ny mpanjaka," ary nankeo anoloany ny vahoaka rehetra. Dia nitsoaka ny Israely, samy nankany an-tranony avy ny olona rehetra.
[9]Ary ny vahoaka rehetra niady hevitra ny amin'ny fokon'Israely rehetra nanao hoe: "Namonjy antsika teo an-tanan'ireo fahavalontsika ny mpanjaka, ary nanavotra antsika teo an-tanan'ireo Filistina izy, fa ankehitriny dia nitsoaka ny tany izy noho i Absaloma. [10]Absaloma, izay nohosorantsika hanjaka teto amintsika, dia efa maty tany an'ady. Koa nahoana ianareo no tsy miteny na inona na inona ny amin'ny fampodiana ny mpanjaka?"
[11]Davida mpanjaka naniraka tany amin'i Zadoka sy Abiatara mpisorona nanao hoe: "Ilazao ireo loholon'i Joda hoe: 'Nahoana no ianareo indray no farany amin'ny fampodiana ny mpanjaka any amin'ny lapany, nefa ny resaky ny Israely rehetra dia mankasitraka ny mpanjaka, mba hitondra azy hiverina any amin'ny lapany? [12]Rahalahiko ianareo, nofoko sy taolako. Koa nahoana no ianareo indray no farany amin'ny fampodiana ny mpanjaka?'
[13]Ary ilazao i Amasa hoe: 'Moa ve ianao tsy nofoko sy taolako? Hataon'Andriamanitra amiko anie izany, ary mihoatra noho izany aza, raha tsy kapitenin'ny tafiko eo amin'ny toeran'i Joaba ianao manomboka izao."[14]Ary dia babony toy ny olona iray ireo fon'ny lehilahin'i Joda rehetra. Naniraka tany amin'ny mpanjaka izy ireo nanao hoe: "Miverena, ianao sy ny olonao rehetra." [15]Dia niverina ny mpanjaka ka tonga teo amin'ny Jordana. Ary ny vahoakan'i Joda tonga teo Gilgala mba hitsena ny mpanjaka ary avy eo hitondra ny mpanjaka hiampita ny jordana.
[16]Simey zanaka lahin'i Gera, ilay Benjamita, izay avy any Bahorima, dia nidina faingana niaraka tamin'ny vahoakan'i Joda mba hitsena an'i Davida Mpanjaka. [17]Nisy arivo lahy avy any Benjamina niaraka taminy, ary Ziba ilay mpanompon' i Saoly, sy ireo zanany lahy dimy ambin'ny folo ary ireo mpanompony roapolo niaraka taminy. Niampita ny jordana teo anatrehan'ny mpanjaka izy ireo. [18]Niampita mba hitondra ny fianakavian'ny mpanjaka sy hanao izay rehetra noheveriny fa tsara izy ireo. Niankohoka teo anatrehan'ny mpanjaka i Simey zanaka lahin'i Gera mialohan'ny hiampitany ny Jordana.
[19]Hoy i Simey tamin'ny mpanjaka hoe: "Tsia, ry tompoko, aza manameloka ahy na mahatsiaro izay nataon'ny mpanomponao tamim-pahamafisan-doha tamin'ny andro nialan'ny mpanjaka tompoko tao Jerosalema. Miangavy, aoka tsy handray izany am-po anie ny mpanjaka. [20]Fa ireo mpanomponao dia mahalala fa efa nanota aho. Indro, izany no antony nahatongavako voalohany tamin'ireo fianakavian'i Josefa rehetra androany mba hidina hitsena ny mpanjaka tompoko."
[21]Fa i Abisay zanaka lahin'i Zeroia namaly ary nanao hoe: "Tsy tokony ho vonoina ve i Simey noho izany, satria nanozona an'ilay voahosotr'i Yaveh izy?" [22]Ary i Davida niteny hoe: "Moa mpifaninona izaho sy ianao, ry zanaka lahin'i Zeroia, no tokony ho mpanohitra ahy ianareo ankehitriny? Tokony hisy lehilahy ho vonoina ve eto Israely anio? Fa moa tsy fantatro ve fa izaho no mpanjakan'Israely anio?" [23]Koa niteny tamin'i Simey ny mpanjaka hoe: "Tsy ho faty ianao." Dia nampanantena azy tamim-pianianana ny mpanjaka.
[24]Ary Mefiboseta zanaka lahin'i Saoly nidina mba hitsena ny mpanjaka. Tsy nanisy kapa ny tongony izy, na nanala ny volom-bavany, na nanasa ireo lambany nanomboka tamin'ny andro nandehanan'ny mpanjaka ka hatramin'ny andro nahatongavany soa aman-tsara tao an-trano. [25]Koa rehefa tonga avy tany Jerosalema izy mba hitsena ny mpanjaka, dia hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Nahoana ianao no tsy niaraka tamiko, ry Mefiboseta?"
[26]Namaly izy hoe: "Ry mpanjaka tompoko, namitaka ahy ny mpanompoko, fa hoy aho hoe: 'Hanisy lasely ny ampondrako aho mba hahafahako mitaingina izany sy miaraka amin'ny mpanjaka, satria mandringa ny mpanomponao. [27]Ziba mpanompoko dia efa nanendrikendrika ahy, mpanomponao, tamin'ny mpanjaka tompoko. Fa ny mpanjaka tompoko dia toy ny anjelin'Andriamanitra. Noho izany, ataovy izay tsara eo imasonao. [28]Satria ny taranaky ny raiko rehetra dia efa

lehilahy maty eo anatrehan'ny mpanjaka tompoko, kanefa ianao nametraka ny mpanomponao ho isan'ireo izay nihinana teo amin'ny latabatrao manokana. Koa inona intsony noho izany no rariny ho ahy izay tokony mbola hitarainako amin'ny mpanjaka?"
[29]Dia hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Nahoana no manazava zavatra mihoatra?" Efa nanapa-kevitra aho fa ianao sy Ziba no hizara ireo saha." [30]Ary Mefiboseta namaly ny mpanjaka hoe: "Eny, aoka izy haka azy rehetra, satria ny mpanjaka tompoko dia efa tonga soa aman-tsara ato an-tranony."
[31]Ary Barzilay ilay Gileadita dia nidina avy any Rogelima mba hiampita ny Jordana miaraka amin'ny mpanjaka, ary nanatitra ny mpanjaka niampita ny Jordana izy. [32]Barzilay dia lehilahy efa tena antitra, valopolo taona. Efa nanome vatsy ny mpanjaka izy fony izy nipetraka tao Mahanaima, satria lehilahy tena mpanefoefo izy. [33]Hoy ny mpanjaka tamin'i Barzilay hoe: "Ndeha hiara-mita amiko, ary hanome anao toerana miaraka amiko any Jeroselama aho."
[34]Barzilay namaly ny mpanjaka hoe: "Hafiriana moa sisa no andro hiainako, no mbola tokony hiara-hiakatra amin'ny mpanjaka any Jerosalema aho? [35]Valopolo taona aho. Mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy ve aho? Mahavita mihinana izay haniko sy sotroiko ve ny mpanomponao? Moa ve aho mahare ny feon'ny mpihira lahy sy mpihira vavy intsony? Koa nahoana ny mpanomponao no mbola ho vesatra ho an'ny mpanjaka tompoko? [36]Te-hiampita an'i Jordana miaraka amin'ny mpanjaka fotsiny ny mpanomponao. Koa nahoana ny mpanjaka no dia hamaly fitia ahy tahaka izany?
[37]Aoka re ny mpanomponao hody, mba ho faty any amin'ny tanànako eo akaikin'ny fasan'ny raiko sy ny reniko aho. Fa indro, inty i Kimama mpanomponao. Aoka izy hiara-mita amin'ny tompoko mpanjaka, ary ataovy aminy izay heverinao fa tsara aminao."
[38]Dia namaly ny mpanjaka hoe: "Hiara-mita amiko i Kimama, ary hataoko aminy izay heverinao fa tsara, ary na inona na inona irinao aty amiko, dia hataoko izany ho anao." [39]Ary dia niampita an'i Jordana ny vahoaka rehetra, niampita ny mpanjaka, dia nanoroka an'i Barzilay izy ary nitso-drano azy. Dia nody tany an-tranony i Barzilay.
[40]Dia nita an'i Gilgala ny mpanjaka, ary Kimama nita niaraka taminy. Ny tafik'i Joda rehetra dia nitondra ny mpanjaka niampita, ary koa ny antsasa-tafiky ny Israely. [41]Vetivety dia nanomboka tonga teo amin'ny mpanjaka ny lehilahin'Israely rehetra ary niteny tamin'ny mpanjaka hoe: "Nahoana ireo rahalahintsika, ireo lehilahin'i Joda, no nangalatra anao ary nitondra ny mpanjaka sy ny fianakaviany nita an'i Jordana, ary ny lehilahin'i Davida rehetra niaraka taminy?"
[42]Dia namaly ny lehilahin'Israely ny lehilahin'i Joda hoe: "Izany dia satria ny mpanjaka akaiky anay kokoa. Koa nahoana ianareo no tezitra amin'izany? Efa nandany izay novidin'ny mpanjaka ve izahay? Efa nanome fanomezana ho anay ve izy?" [43]Dia namaly ny lehilahin'i Joda ny lehilahin'Israely hoe: "Manana foko folo mifandray amin'ny mpanjaka izahay, noho izany manan-jo kokoa ny amin'i Davida noho ianareo izahay. Koa nahoana ianareo no manao tsinontsinona anay? Moa ve tsy ny tolo-kevitray ny amin'ny hitondrana ny mpanjakanay hiverina no rè voalohany?" Fa ireo tenin'ny lehilahin'i Joda dia mahery kokoa noho ireo tenin'ny lehilahin'Israely.

20 [1]Sendra nisy mpanakorontana iray teo amin'ilay toerana ary Seba no anarany zanaka lahin'i Bikry, Benjamita iray izy. Nitsoka ny trompetra izy sady niteny hoe: "Tsy manana anjara any amin'i Davida isika, no sady tsy mahazo lova any amin'ny zanaka lahin'i Jese. Avelao ny lehilahy rehetra hody any an-tranony, ry Israely." [2]Noho izany dia nandao an'i Davida ireo lehilahin'Israely rehetra ary nanaraka an'i Seba zanaka lahin'i Bikry. Nefa ireo vahoakan'i Joda nifikitra nanaraka ny mpanjakan'izy ireo, avy amin'ny lalan'i Jordana rehetra ka hatrany Jerosalema.
[3]Rehefa tonga tao amin'ny lapany tao Jerosalema i Davida, dia naka ireo vady andevo folo izay navelany hiandry ny lapa izy, ary napetrany tao amin'ny trano iray voambina izy ireo. Nanome izay rehetra nilainy izy, fa tsy niara-nandry tamin'izy ireo intsony. Ka nihidy tao izy ireo mandra-pahatongan'ny andro nahafatesany, niaina tahaka ny mpitondratena izy ireo.
[4]Ary hoy ny mpanjaka tamin'i Amasa hoe: "Vorio ao anatin'ny telo andro ireo lehilahin'i Joda; tsy maintsy eto ihany koa ianao." [5]Dia lasa Amasa namory ireo lehilahin'i Joda, nefa naharitra ela kokoa noho ny fe-potoana izay nandidian'ny mpanjaka azy izy.
[6]Ka hoy i Davida tamin'i Abisay hoe: "Ankehitriny i Seba zanaka lahin'i Bikry dia hanao ratsy antsika mihoatra noho ny nataon'i Absaloma. Ento ireo mpanompon'ny tomponao, ireo miaramilako, ka enjeho izy, raha tsy izany hahita tanàna mimanda izy ka tsy ho hitantsika." [7]Dia lasa nanenjika azy ireo lehilahin'i Joaba, niaraka tamin'ireo Keretita sy ireo Peletita ary ireo mpiady mahery rehetra. Niala tao Jerosalema izy ireo mba hanenjika an'i Seba zanaka lahin'i Bikry.
[8]Rehefa teo amin'ilay vato lehibe izay tao Gibeona izy ireo, dia tonga i Amasa mba hitsena azy ireo. Efa nanaovan'i Joba teny aminy ny akanjo fiadiana, izay nisy fehinkibo teny am-balahany niaraka tamin'ny fitoeran-tsabany nifatotra tamin'izany. Ary raha nandeha izy, dia latsaka ilay sabatra.
[9]Ka hoy i Joaba tamin'i Amasa hoe: "Salama tsara ve ianao, ry rahalahiko? Noraisin'i Joaba tamim-pitiavana tamin'ny tanany havanana ny volombavan'i Amasa mba horohany. [10]Tsy tsikaritr'i Amasa ny sabatra kely izay teny an-tanan-kavian'i Joaba. Notsindromin'i Joaba teo amin'ny kibony i Amasa, ka nivaroraka tamin'ny tany ireo tsinainy, tsy namely azy intsony Joaba, ary maty Amasa. Noho izany dia nanenjika an'i Seba zanaka lahin'i Bikry i Joaba sy Abisay rahalahiny.
[11]Avy eo dia nijanona teo amin'i Amasa ny iray tamin'ireo lehilahin'i Joaba, ary hoy ilay lehilahy hoe: "Izay momba an'i Joaba, sy izay momba an'i Davida, avelao izy hanaraka an'i Joaba." [12]Nihosona ny ràny teo afovoan'ny lalana i Amasa. Rehefa hitan'ilay lehilahy fa nijanona ny olona rehetra, dia nafindrany niala teo amin'ny lalana ho any amin'ny saha i

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Amasa. Nosaromany lamba teo amboniny satria hitany fa izay olona mandalo eo aminy dia mijanona. [13]Rehefa avy
nesorina teo amin'ny lalana i Amasa, dia nanaraka an'i Joaba hanenjika an'i Seba zanaka lahin'i Bikry ny lehilahy rehetra.
[14]Seba dia namakivaky ireo fokon'Israely rehetra tany Abela any Beti-maka, sy nanerana ny tanin'ny Berita rehetra, izay
niangona ary nanenjika an'i Seba ihany koa. [15]Tratra izy ka nataon'izy ireo fahirano tany Abela tany Beti-maka.
Nanandratra tovo-tany iray manoloana ny manda teo amin'ny tanàna izy ireo. Ny tafika rehetra izay nanaraka an'i Joaba
dia nandrava ny manda mba hampianjera izany. [16]Avy eo dia nisy vehivavy hendry iray niantso ny tao an-tanàna hoe:
"Henoy, mba henoy re, ry Joaba! Mankanesa eto akaikiko mba ho afaka hiresaka aminao aho."
[17]Ka nanatona azy i Joaba, hoy ilay vehivavy hoe: "Ianao ve no Joaba?" Dia namaly izy hoe: "Izaho no izy." Ary hoy izy
taminy hoe: "Henoy ny tenin'ny mpanomponao." Dia namaly izy hoe: "Mihaino aho." [18]Dia hoy izy hoe: "Fitenin'ireo taloha
ny hoe: 'Mitadiava hevitra any amin'i Abela,' ary izany hevitra izany no hampitsahatra ny olana. [19]Izahay dia tanàna iray
amin'ireo izay tena milamina sy mahatoky indrindra eto Israely. Mikasa hamotika tanàna iray izay reny eto Israely ianao.
Nahoana ianao no mitady hihinana ny lovan'i Yaveh?"
[20]Ka namaly i Joaba ary niteny hoe: "Sanatria, dia sanatria amiko, ny haka na hanimba. [21]Tsy marina izany. Fa misy
lehilahy iray avy any amin'ny tany havoan'i Efraima, antsoina hoe Seba zanaka lahin'i Bikry, nanandratra ny tanany
hanohitra ny mpanjaka, hanohitra an'i Davida. Izy irery no atolory, dia hiala eto amin'ny tanàna aho." Hoy ravehivavy
tamin'i Joaba hoe: "Ho atsipy eo aminao hihoatra ny manda ny lohany. [22]Ary tamim-pahendreny no nanatonan'ilay
vehivavy ny olon-drehetra. Notapahan'izy ireo ny lohan'i Seba zanaka lahin'i Bikry ary natsipin'izy ireo teo amin'i Joaba.
Avy eo nitsoka ny trompetra izy ary nandao ny tanàna ireo lehilahin'i Joaba, ny lehilahy rehetra ho any an-tranony avy.
Avy eo i Joaba dia niverina tany Jerosalema ho any amin'ny mpanjaka.
[23]Ary i Joaba dia ambonin'ireo tafiky ny Israely rehetra, ary Benaia zanaka lahin'i Joiada dia ambonin'ireo Keretita sy ireo
Peletita. [24]Adorama dia ambonin'ireo lehilahy izay nanao asa an-terivozona. Ary Josafata zanaka lahin'i Ahiloda no
mpitahiry. [25]Seva no mpanora-dalàna, ary Zadoka sy Abiatara no mpisorona. [26]Ira ilay Jairita no mpanolo-tsaina an'i
Davida.

21 [1]Nisy mosary nandritra ny telo taona nisesy tamin'ny andron'i Davida, ary nitady ny tavan'i Yaveh i Davida. Ka hoy
Yaveh hoe: "Eo aminareo io mosary io noho i Saoly sy ny fianakaviany mpamono olona, satria namono ireo Gibeonita
izy."
[2]Ary ireo Gibeonita dia tsy avy amin'ny vahoakan' Israely; fa avy amin'ny sisan'ireo Amorita izy ireo. Efa nianiana tsy
hamono azy ireo ny vahoakan'Israely, saingy niezaka hamono azy ireo tamin'ny zotom-pony ihany i Saoly ho an'ireo
vahoakan'Israely sy Joda. [3]Noho izany i Davida Mpanjaka dia niantso niaraka ireo Gibeonita ary niteny tamin'izy ireo
hoe: "Inona no tokony hataoko ho anareo? Ahoana no hahafahako manao fanavotana, mba hanomezanareo tso-drano
ireo vahoakan'i Yaveh, izay mandova ny hatsaràny sy ireo fampanantenany?"
[4]Namaly azy ireo Gibeonita hoe: "Tsy resaka volafotsy na volamena eo aminay sy Saoly na ny fianakaviany izany. Tahaka
izany koa no tsy hamonoanay olona ao Israely." Dia namaly i Davida hoe: "Inona no lazainareo fa tokony hataoko ho
anareo?"
[5]Namaly ny mpanjaka izy ireo hoe: "Ilay lehilahy izay niezaka hamono anay rehetra, izay nanao tetika hanoherana anay,
mba ho potika izahay izao ary tsy hanana toerana ao amin'ireo sisin-tanin'Israely— [6]aoka hisy lehilahy fito avy amin'ny
taranany hatolotra anay, ary hanantona azy ireo eo anatrehan'i Yaveh any Gibean'i Saoly, ilay iray nosafidian'i Yaveh
izahay." Dia hoy ny mpanjaka hoe: "Homeko anareo izy ireo."
[7]Fa namindra fo tamin'i Mefiboseta zanaka lahin'i Jonatana zanaka lahin'i Saoly ny mpanjaka, nohon'ny fianianan'i Yaveh
teo amin'izy ireo, teo amin'i Davida sy Jonatana, zanaka lahin'i Saoly. [8]Kanefa nalain'ny mpanjaka ireo zanaka roa lahy
an'i Rizpa zanaka vavin'i Aia, zanany avy amin'i Saoly—Armony sy Mefiboseta no anaran'ireo roa lahy; ary nalain'i
Davida ihany koa ireo zanaka dimy lahy an'i Mikala zanaka vavin'i Saoly, izay avy amin'i Adriela zanaka lahin'i Barzilay
ilay Meholatita. [9]Natolony teo an-tanan'ireo Gibeonita izy ireo. Nahanton'izy ireo tany an-tendrombohitra nanoloana an'i
Yaveh izy ireo, ary niara-maty izy fito. Tamin'ny fotoam-pararano no namonoana azy ireo, nandritra ny andro voalohany
tamin'ny fiantombohan'ny fijinjana ny vary hordea.
[10]Avy eo i Rizpa, zanaka vavin'i Aia, naka lamba fisaonana ary namelatra izany ho an'ny tenany teo amin'ny
tendrombohitra akaikin'ireo vata-mangatsiaka, hatramin'ny fiantombohan'ny fijinjana ka hatramin'ny nilatsahan'ny
orana teo amin'izy ireo avy any an-danitra. Tsy navelany hanakorontana ireo razana ny voron'ny lanitra ny atoandro na
ireo bibidia ny alina. [11]Nolazaina tamin'i Davida izay nataon'i Rizpa, zanaka vavin'i Aia, ilay vady andevon'i Saoly.
[12]Noho izany dia nandeha i Davida ary naka ny taolan'i Saoly sy ny taolan'i Jonatana zanany lahy teo amin'ireo lehilahin'i
Jabesi-gileada, izay nangalatra ireo tao an-kianjan'ny daholobe tany Beti-sana, tany amin'izay nanantonan'ireo Filistina
azy ireo, rehefa avy namono an'i Saoly tao Gilboa izy ireo. [13]Nalain'i Davida hiala tao ny taolan'i Saoly sy ny taolan'i
Jonatana zanany lahy, ary nanangona ny taolan'ireo lehilahy fito izay nahantona ihany koa izy ireo.
[14]Nalevin'izy ireo tany amin'ny tanànan'i Benjamina tany Zela ny taolan'i Saoly sy Jonatana zanany, tao amin'ny fasan'i
Kisy rainy. Nataon'izy ireo avokoa izay rehetra nodidian'ny mpanjaka. Taorian'izany dia novalian'Andriamanitra ny
vavak'izy ireo ho an'ny tany.

[15]Avy eo ireo Filistina dia nandeha niady tamin'Israely indray. Noho izany dia nidina niaraka tamin'ny tafiny i Davida ary niady nanohitra an'ireo Filistina. Reraky ny ady i Davida.[16] Jisbibenoba, taranaky ny Refaita, izay nilanja telonjato sekely ny lefony varahina, ary izay nanana sabatra fitaovam-piadiana vaovao, dia nikasa hamono an'i Davida. [17]Kanefa Abisay zanak'i Zeroia nanavotra an'i Davida, nanafika ny Filistina, ary namono azy. Avy eo ireo lehilahin'i Davida nianiana taminy, nanao hoe: "Tsy tokony handeha hiady hiaraka aminay intsony ianao, mba tsy hamonoanao ny jiron'Israely."
[18]Ary taorian'io dia nisy ady niaraka tamin'ireo Filistina indray tao Goba, rehefa novonoin'i Sibeka ilay Hosatita i Safa, izay iray tamin'ny taranak'ireo Refaita.[1] [19]Dia nisy ady indray tamin'ireo Filistina tao Goba, izay namonoan'i Elanana zanaka lahin'i Jare ilay Betlehemita an'i Goliata ilay Gatita, izay toy ny vodi-tenon'ny mpanenona ny lefony.
[20]Ary tamin'ny ady hafa tao Gata dia nisy lehilahy vaventy nanana rantsan-tanana enina isaky ny tanany ary rantsan-tongotra enina isaky ny tongotra, efatra amby roapolo ny isany. Avy amin'ny taranaka Refaita ihany koa izy. [21]Rehefa naneso an'Israely izy, dia novonoin'i Jonatana zanaka lahin'i Simea, rahalahin'i Davida. [22]Ireo no taranaka Refaita tao Gata, ary novonoin'ny tanan'i Davida sy ny tanan'ireo miaramilany izy.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony ho "Goba" ao amin'ny Hebreo, dia mivaky toy izao ny dikan-teny sasany: "Geseta" na "Gesera."

---

22 [1]Nihira ho an'i Yaveh ireo teny amin'ity hira ity tamin'ny andro izay nanavotan'i Yaveh azy teo an-tanan'ireo fahavalony rehetra, sy teo an-tanan'i Saoly i Davida. [2]Nivavaka izy hoe: "Yaveh no vatolampiko, fiarovana mafy ho ahy, ilay Iray izay mamonjy ahy.
[3]Andriamanitra no vatolampiko. Mialoka eo aminy aho. Izy no fiarovako, ilay tandroky ny famonjena ahy, fiarovana mafy ho ahy, sy fialofako, ilay Iray izay manavotra ahy amin'ny herisetra. [4]Hiantso an'i Yaveh, izay mendrika ny ho deraina aho, ka ho avotra amin'ireo fahavaloko aho.
[5]Fa nanodidina ahy ireo aloky ny fahafatesana, nanafotra ahy ireo rano mikorian'ny fahapotehana. [6]Nanodidina ahy ireo tadin'ny fiainan-tsy hita; namandrika ahy ireo fandriky ny fahafatesana.
[7]Tamin'ny fahoriako no niantsoako an'i Yaveh; niantso an'Andriamanitro aho; nandre ny feoko avy tao an-tempoliny Izy, ary tonga teo an-tsofiny ny antso vonjiko.
[8]Dia nihozona sy nihovitra ny tany. Nihovitrovitra sy voahozongozona ny fiorenan'ny lanitra, satria tezitra Andriamanitra. [9]Niakatra avy tamin'ny vavorony ny setroka, ary afo miredareda no nivoaka avy tamin'ny vavany. Voarehitr'izany ny vain'afo.
[10]Nanokatra ny lanitra Izy ka nidina, ary ny aizim-pito tao ambany faladiany. [11]Nitaingina Kerobima Izy ka nanidina. Hita teny an'elatry ny rivotra Izy. [1] [12]Nataony ho lay nanodidina Azy ny aizina, nanangona rahon'orana matevina teny amin'ireo habakabaka izy.
[13]Avy tamin'ny tselatra teo anatrehany no nilatsahan'ny vain'afo. [14]Yaveh nampikotrokotroka avy tany an-danitra. Nihiaka mafy ilay Avo Indrindra. [15]Nandefa zana-tsipìka Izy ka nampiely ireo fahavalony— nandefa tsela-pahazavana ka nanaparitaka azy ireo.
[16]Avy eo dia niseho ny fantson-drano; niharihary tamin'ny hiakan'adin'i Yaveh ny fanambanin'izao tontolo izao, tamin'ny fipoahan'ny fofon'ain'ny vavorony.
[17]Nidina avy tany ambony Izy; nihazona mafy ahy Izy! Nisintona ahy tamin'ny rano manonja Izy. [18]Namonjy ahy tamin'ny fahavaloko matanjaka Izy, tamin'ireo izay nankahala ahy, satria tena natanjaka izy ireo tamiko.
[19]Tonga nanohitra ahy izy ireo tamin'ny androm-pahoriako, kanefa Yaveh no mpanohana ahy. [20]Namoaka ahy ho any amin'ny toerana midadasika ihany koa Izy. Namonjy ahy Izy satria faly tamiko. [21]Efa namaly soa ahy tamin'ny refin'ny fahamarinako Yaveh; efa namerina ahy tamin'ny laoniny tamin'ny refin'ny fahadiovan'ny tanako Izy.
[22]Fa efa nitandrina ireo lalan'i Yaveh aho ary tsy mba nanao izay ratsy tamin'ny fialana tamin'ny Andriamanitro. [23]Satria ireo didiny marina rehetra dia efa teo anoloako; raha ny amin'ireo lalàny indray, dia tsy nivily tamin'ireny aho.
[24]Efa tsy nanan-tsiny teo anatrehany ihany koa aho, ary nitandrina ny tenako tsy hanota aho. [25]Noho izany dia naverin'i Yaveh tamin'ny laoniny tamin'ny refin'ny fahamarinako aho, tamin'ny refin'ny fahadiovako teo imasony.
[26]Ho an'ny iray izay mahatoky, mampiseho ny tenanao ho mahatoky Ianao; ho an'ny olona izay tsy manan-tsiny, dia mampiseho ny tenanao ho tsy manan-tsiny Ianao. [27]Amin'ny madio dia mampiseho ny tenanao ho madio Ianao, fa mivadika amin'ireo mpiolakolaka Ianao.
[28]Manavotra ireo olona ory Ianao, nefa ireo masonao dia manohitra ny mpirehareha, ary ahetrinao izy ireny. [29]Fa Ianao no faniloko, ry Yaveh. Manazava ny aiziko Yaveh.
[30]Fa noho Ianao dia afaka mihazakazaka mihoatra ny sakana aho; noho ilay Andriamanitro dia afaka mandingana rindrina aho. [31]Raha ny amin'Andriamanitra, tanteraka ny lalany. Madio ny tenin'i Yaveh. Izy dia fiarovana ho an'ireo rehetra izay mialoka eo Aminy.
[32]Fa iza no Andriamanitra afa-tsy Yaveh, ary iza no vatolampy afa-tsy ny Andriamanitsika? [33]Andriamanitra no fialofako, ary mitarika ny olona tsy manan-tsiny amin'ny lalany Izy.
[34]Manafaingana ny tongotro tahaka ny diera Izy ary mametraka ahy eny amin'ny havoana avo. [35]Manazatra ny tanako amin'ny ady Izy, sy ny sandriko hamoritra tsipìka varahina.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[36]Efa nanome ahy ny fialofan'ny famonjenao Ianao, ary ny sitrakao no nanao ahy ho lehibe. [37]Efa nanao toerana midadasika ho an'ny tongotro teo ambaniko Ianao, ka tsy nibolisatra ny tongotro.
[38]Nanenjika ireo fahavaloko aho ka namotika azy ireo. Tsy niverina aho mandra-pahapotik'izy ireo. [39]Nandevona azy ireo sy namotipotika azy ireo aho; ka tsy afaka nitsangana izy ireo. Lavo tao ambany faladiako izy ireo.
[40]Nametraka hery tao amiko toy ny fehinkibo ho amin'ny ady Ianao; nametraka ireo izay nitsangana hanohitra ahy teo ambaniko Ianao. [41]Nanome ahy ny hatok'ireo fahavaloko Ianao; nandringana ireo izay nankahala ahy aho.
[42]Niantso vonjy izy ireo, saingy tsy nisy nanavotra azy ireo; niantso mafy an'i Yaveh izy ireo, saingy tsy namaly azy ireo Izy. [43]Namely azy ireo ho singa madinika toy ny vovoka amin'ny tany aho, notorotoroiko toy ny fotaka eny amin'ny lalana izy ireo.
[44]Efa namonjy ahy tamin'ny fifandiran'ireo vahoakako ihany koa Ianao. Efa notananao ho lohan'ireo firenena aho. Ny vahoaka izay tsy fantatro dia manompo ahy. [45]Noterena hiankohoka tamiko ireo vahiny. Vantany vao nandre ny momba ahy izy ireo, dia nankatò ahy. [46]Ireo vahiny dia nivoaka am-pangovitana tao amin'ny fiarovana mafin'izy ireo.
[47]Velona i Yaveh! Ho deraina anie ny vatolampiko. Asandratra anie Andriamanitra, ilay vatolampin'ny famonjena ahy.
[48]Izany no Andriamanitra izay manatanteraka famaliana ho ahy, Ilay Iray izay mampihetry vahoaka maro eo ambaniko.
[49]Manafaka ahy amin'ireo fahavaloko Izy. Nanandratra ahy ho ambonin'ireo izay nitsangana hanohitra ahy tokoa Izy. Mamonjy ahy amin'ireo lehilahy mahery setra Ianao.
[50]Noho izany dia hanolotra fisaorana ho Anao, eo amin'ireo firenena aho, ry Yaveh; hihira fiderana ho an'ny anaranao aho. [51]Andriamanitra manome fandresena lehibe ho an'ny mpanjakany, ary mampiseho ny tsy fivadiham-panekeny amin'ilay voahosony Izy, ho an'i Davida sy ho an'ny taranany mandrakizay."

---

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany misy hoe: "Nanidina tamin'ny elatry ny rivotra Izy."

---

23 [1]Ireto ary ny tenin'i Davida farany— Davida zanaka lahin'i Jese, ilay lehilahy tena nomem-boninahitra, ilay lehilahy izay voahosotry ny Andriamanitr'i Jakoba, ilay mpanao salamo mahafinaritry ny Israely.[2]"Ny fanahin'i Yaveh niteny tamin'ny alalako, ary teo amin'ny lelako ny teniny.
[3]Niteny ny Andriamanitr'Israely, niteny tamiko ilay Vatolampin'Israely hoe: 'Ilay manapaka ny olona amin'ny fahamarinana, ilay manapaka amin'ny fahatahorana an'Andriamanitra. [4]Izy dia ho tahaka ny fahazavan'ny maraina rehefa miposaka ny masoandro, maraina tsy misy rahona, rehefa mitsimoka avy amin'ny tany ny ahi-maitso amin'ny alalan'ny famirapiratan'ny masoandro aorian'ny orana.
[5]Eny tokoa, tsy tahaka izany eo anatrehan'Andriamanitra ve ny ankohonako? Tsy efa nanao fanekena mandrakizay, voalahatra sy azo antoka amin'ny fomba rehetra tamiko ve Izy? Moa tsy mampitombo ny famonjena ahy sy manatanteraka ny faniriako rehetra ve Izy?
[6]Kanefa ny tsy mendrika dia ho tahaka ny tsilo ariana avokoa, satria tsy voaangon'ny tanan'ny olona ireny. [7]Ny olona izay mikasika azy ireo dia tsy maintsy mampiasa fitaovana vita amin'ny vy na zana-tsipikan-defona. Tsy maintsy dorana eo amin'izay itoerany ireny.'"
[8]Ireto avy ny anaran'ireo miaramila sangan'i Davida: Josebala ilay Takemonita no mpitarika ireo miaramila sangany. Nahafaty lehilahy valonjato tao anatin'ny ady iray izy. [1]
[9]Manarakaraka azy i Eleazara, zanaka lahin'i Dodo, zanaka lahin'i Ahohita, iray amin'ireo lehilahy telo maherin'i Davida. Teo izy tamin'ny nandresen'izy ireo ny Filistina izay niangona niaraka mba hiady, sy tamin'ny nihemoran'ny lehilahin'Israely. [10]Nitsangana i Eleazara ary niady tamin'ny Filistina mandra-pahavizana ny tanany ary niraikitra teo amin'ny tahon'ny sabany ny tanany. Nitondra fandresena lehibe tamin'izany andro izany i Yaveh. Niverina nanaraka an'i Eleazara ny tafika, mba hitsimpona izay amin'ireo faty fotsiny ihany.
[11]Nanarakaraka azy i Sama zanaka lahin'i Age, ilay Hararita. Niara-niangona teo amin'izay nisy tanim-boanemba ny Filistina, ary ny tafika nandositra azy ireo. [12]Fa i Sama kosa nitsangana teo afovoan'ny saha ary niaro izany. Novoiny ny Filistina, ary nitondra fandresena lehibe Yaveh.
[13]Ny telo tamin'ireo miaramila telopolo dia nidina tany amin'i Davida tamin'ny fotoanan'ny fararano, tao amin'ny zohin'i Adolama. Nitoby teo amin'ny Lohasahan'i Refaita ny tafik'ireo Filistina. [14]Tamin'izany fotoana izany i Davida dia tao amin'ny fiarovany mafy, zohy iray, raha nitoetra tao Betlehema ny Filistina.
[15]Nitady rano i Davida ka hoy izy hoe: "Raha mba misy olona manome ahy rano ho sotroina avy amin'ny lava-drano ao Betlehema, ilay lava-drano eo akaikin'ny vavahady izao!" [16]Koa dia namakivaky ny tafiky ny Filistina ireo telo lahy mahery ireo ary naka rano avy tao amin'ny lava-dranon'i Betlehema, ilay lava-drano eo akaikin'ny vavahady. Nalain'izy ireo ny rano ary nentiny tany amin'i Davida, kanefa nandà ny hisotro izany izy. Fa nararany ho an'i Yaveh kosa izany.
[17]Avy eo dia hoy izy hoe: "Ry Yaveh, sanatria, raha anao izany aho. Tokony hisotro ny ràn'ireo lehilahy izay nanao sorona ny ainy ve aho?" Ka dia nandà ny hisotro izany izy. Ireo zavatra ireo no nataon'ireo telo lahy mahery.
[18]Abisay, rahalahin'i Joaba ary zanaka lahin'i Zeroia, no kapitenin'izy telo. Niady tamin'ireo telo arivo lahy izy ary namono azy ireo tamin'ny lefona. Voatonona matetika niaraka tamin'ireo miaramila telo izy. [19]Tsy nalaza noho ireo telo lahy ve izy? Natao kapitenin'izy ireo izy. Kanefa, ny lazany dia tsy nitovy tamin'ny lazan'ireo miaramila telo lahy malaza indrindra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Benaia avy any Kabezela dia zanaka lahin'i Joiada; izy dia lehilahy matanjaka izay nanao asa lehibe. Namono ny zanaka roa lahin'i Ariela tany Moaba izy. Nidina tao anaty lavaka ihany koa izy ary namono liona raha mbola nisy oram-panala iny. [21]Ary dia namono lehilahy Egyptiana maro izy. Nanana lefona teny an-tanany ilay Egyptiana, kanefa tamin'ny tehina ihany no niadian'i Benaia taminy. Nalainy teny amin'ny tanan'ilay Egyptiana ny lefona ary tamin'ny lefony ihany no namonoany azy.
[22]Benaia zanaka lahin'i Joiada no nanao izany asa lehibe izany, ary nankalazaina niaraka tamin'ireo telo lahy mahery izy.
[23]Nalaza noho ireo miaramila telopolo izy amin'ny ankapobeny, kanefa tsy dia tena nalaza tahaka ireo miaramila telo sangany indrindra. Nefa i Davida nampiandraikitra azy ho mpiambina azy.
[24]Anisan'ireo telopolo ireto lehilahy manaraka ireto: Asahela rahalahin'i Joaba, Elanana zanaka lahin'i Dodo avy any Bethlehema, [25]Sama ilay Harodita, Elika ilay Harodita, [26]Heleza ilay Paltita, Ira zanaka lahin' Ikesy ilay Tekoita, [27]Abiezera ilay Anatotita, Mebonay ilay Hosatita, [28]Zalmona ilay Ahohita, Maharay ilay Netofatita;
[29]Haleba zanaka lahin'i Bana, ilay Netofatita, Itahy zanaka lahin'i Ribay avy any Gibean'ny taranak'i Benjamina,[30]Benaia ilay Piratonita, Hiday avy amin'ny lohasahan'ny Gasy. [31]Abi-albona ilay Arbatita, Azmaveta ilay Psaromita,[32]Eliaba ilay Salbonita, zanaka lahin'i Jasena, Jonatana zanaka lahin'i Sama ilay Hararita;
[33]Ahiama zanaka lahin'i Sarara ilay Hararita,[34]Elifeleta zanaka lahin'i Ahasbay ilay Makatita, Eliama zanaka lahin'i Ahitofela ilay Gilonita, [35]Hezray ilay Karmelita, Paray ilay Arbita,[36]Jigala zanaka lahin'i Natana avy any Zoba, Bany avy amin'ny fokon'ny Gadita,
[37]Zaleka ilay Amonita, Naharay ilay Berotita, mpitondra ny fitaovam-piadiana ho an'i Joaba zanaka lahin'i Zeroia, [38]Ira ilay Jitrita, Gareba ilay Jitrita, [39]Oria ilay Hetita—fito amby telopolo izy rehetra.

---

1 Fanamarihana: Raha tokony ho "Josebala," dia ny dikan-teny sasany manao hoe "Joseba-basebata," "Jasobima", "Isbala", na "Isboseta". Ireo rehetra ireo dia mety anarana iray ihany.

---

24 [1]Dia nirehitra tamin'Israely indray ny fahatezeran'i Yaveh, ka nataony nanohitra azy ireo i Davida nanao hoe: "Mandehana, isao Israely sy Joda." [2]Niteny tamin'i Joaba mpifehy ny tafika, izay niaraka taminy ny mpanjaka hoe: "Mandehana manerana ny fokon'Israely rehetra, manomboka any Dana ka hatrany Beri-sheba, ary isao ny olona rehetra, mba hahafantarako ny fitambaran'ny isan'ireo lehilahy sahaza ho an'ny ady."
[3]Hoy i Joaba tamin'ny mpanjaka hoe: "Afaka mampitombo ny isan'ny vahoaka injato ve Yaveh Andriamanitrao, ary afaka mijery ny fitrangan'izany ve ny mason'ny mpanjaka tompoko. Nefa nahoana no maniry izany ny mpanjaka tompoko?"
[4]Na dia izany aza, ny tenin'ny mpanjaka dia nanohitra an'i Joaba sy nanohitra ireo mpifehy ny tafika ny farany. Ka nivoaka teo amin'ny fanatrehan'ny mpanjaka i Joaba sy ireo mpifehy mba hanisa ny vahoakan'Israely.
[5]Niampita an'i Jordana ary nitoby tao akaikin'i Aroera, atsimon'ny tanàna any an-dohasaha izy ireo. Dia nandroso hatrany Gada ka hatrany Jazera izy ireo. [6]Tonga tany Gileada sy tany amin'ny tanin'i Tatima-hodsy izy ireo, avy eo dia tany Danajana ary nanodidina hatrany Sidona. [7]Tonga tany amin'ny fiarovana mafin'i Tyro sy ny tanànan'ny Hivita sy ny Kananita rehetra izy ireo. Avy eo dia nivoaka nankany Negeva any Joda ao Beri-sheba izy ireo.
[8]Ka rehefa avy nitety ny tany rehetra izy ireo, dia niverina tany Jerosalema izy ireo tamin'ny faran'ny sivy volana sy roapolo andro. [9]Dia nitatitra ny fitambaran'isan'ireo lehilahy mpiady tany amin'ny mpanjaka i Joaba. Nisy lehilahy be herim-po 800. 000 izay nanatsoaka sabatra tao amin'Israely, ary ireo lehilahin'i Joda dia lehilahy 500. 000.
[10]Dia nampahory azy ny fon'i Davida rehefa avy nanisa ireo lehilahy izy. Ka niteny tamin'i Yaveh izy hoe: "Nanota tanteraka tamin'ny fanaovana izany aho. Ankehitriny, ry Yaveh, esory ny heloky ny mpanomponao, fa efa nanao fahadalana tokoa aho."
[11]Rehefa nifoha i Davida ny maraina, dia tonga tamin'i Gada mpaminany, mpahitan'i Davida ny tenin'i Yaveh, nanao hoe:
[12]"Andeha lazao amin'i Davida hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh: "Manome safidy telo anao Aho. Ka misafidiana iray amin'ireo.'""
[13]Dia nankany amin'i Davida i Gada ka niteny taminy hoe: "Mosary telo taona ve no ho tonga aminao ao amin'ny taninao? Sa handositra telo volana ireo fahavalonao ve ianao raha manenjika anao izy ireo? Sa hisy areti-mandringana telo andro ao amin'ny taninao? Ankehitriny manapaha hevitra ny amin'izay valiny tokony havaliko Azy ilay naniraka ahy." [14]Dia hoy i Davida tamin'i Gada hoe: "Ao anaty fikorontanana tanteraka aho. Aoka isika ho lavo eo an-tanan'i Yaveh toy izay eo an-tanan'ny olona, satria tena lehibe ny famindram-pony."
[15]Ka nandefa ny areti-mandringana teo amin' Israely nanomboka ny maraina ka hatramin'ny fotoana voatondro i Yaveh, ary olona fito alina no maty nanomboka tao Dana ka hatrany Beri-sheba. [16]Rehefa naninjitra ny tanany nankany Jerosalema mba hamotika izany ny anjely, dia niova hevitra nohon'ny ratsy izay haterak'izany Yaveh, ka niteny tamin'ny anjely izay namotika ny olona Izy hoe: "Ampy izay! Ahemory ny tananao izao." Tamin'io fotoana io ny anjelin'i Yaveh dia nitsangana teo am-pamoloan'i Araona Jebosita.
[17]Dia niresaka tamin'i Yaveh Davida rehefa nahita ny anjely izay namely ny vahoaka, ary nanao hoe: "Efa nanota aho, ary ratsy fitondran-tena. Nefa ireo ondry ireo, inona no nataony?" Aoka re mba izaho sy ny ankohonan-draiko no ho sazian'ny tananao!"
[18]Avy eo dia tonga teo amin'i Davida tamin'io andro io i Gada ary niteny taminy hoe: "Miakara ary manamboara alitara ho an'i Yaveh eo am-pamoloan'i Araona ilay Jebosita." [19]Dia niakatra araka izay nandidian'i Gada azy ho ataony Davida,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

araka izay nandidian'i Yaveh. [20]Nijery tany ivelany Araona ary nahita ny mpanjaka sy ireo mpanompony nanatona. Dia nivoaka i Araona ary nampiankohoka ny tavany teo amin'ny tany teo amin'ny mpanjaka.
[21]Dia hoy i Araona hoe: "Nahoana no tonga eto amiko, mpanompony, ny mpanjaka tompoko?" Namaly i Davida hoe: "Hividy ny famoloanao, mba hahafahako manamboatra alitara ho an'i Yaveh, mba hialan'ny areti-mandringana eo amin'ny vahoaka." [22]Hoy i Araona tamin'i Davida hoe: "Ataovy toy ny anao izany, ry mpanjaka tompoko. Ataovy amin'izany izay tsara eo imasonao. Indro, indreto misy omby atao fanatitra dorana sy fivelezam-bary ary ziogan'omby atao kitay. [23]Ireo rehetra ireo, ry mpanjakako, izaho, Araona, dia hanome anao izany." Dia hoy izy tamin'ilay mpanjaka hoe: "Hanaiky anao anie Yaveh Andriamanitrao."
[24]Hoy ny mpanjaka tamin'i Araona hoe: "Tsia, hovidiko amin'ny vidiny izany. Tsy hanolotra fanatitra dorana ho an'i Yaveh amin'ny zavatra izay tsy nisasarako aho." Koa novidian'i Davida sekely volafotsy dimampolo ny famoloana sy ireo omby.
[25]Nanamboatra alitara ho an'i Yaveh tao Davida ary nanolotra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana teo amin'izany. Dia nitalaho tamin'i Yaveh ho an'ny tany izy ireo, ka nampitsahatra ny areti-mandringana nanerana an'Israely Izy.

Mpanjaka 1

1 [1]Rehefa tena antitra i Davida Mpanjaka, dia norakofan'izy ireo tamin'ny bodofotsy izy, kanefa tsy nety nahazo hafanana. [2]Ka hoy ireo mpanompony taminy: "Aoka isika hitady tovovavy virijiny ho an'ny mpanjaka tompontsika. Aoka izy hanompo ny mpanjaka sy hikarakara azy. Aoka izy handry eo an-tsandriny mba hanafana ny mpanjaka tompontsika."
[3]Dia nitady zazavavy tsara tarehy eran'ny fari-tanin'Israely izy ireo. Nahita an'i Abisaga Sonemita izy ireo ka nitondra azy tany amin'ny mpanjaka. [4]Tena tsara tarehy tokoa ilay zazavavy. Nanompo ny mpanjaka sy nikarakara azy izy, nefa tsy niray ara-nofo taminy ny mpanjaka.
[5]Tamin'izany fotoana izany, i Adonia zanaka lahin'i Hagita dia nanandratra ny tenany, nanao hoe: "Izaho no ho mpanjaka." Ka nanomana kalesy sy mpitaingin-tsoavaly niaraka tamin'ny dimampolo lahy mba handeha hialoha lalana azy izy. [6]Ny rainy dia tsy mbola nanakorotan-tsaina azy, nanao hoe: "Nahoana ianao no nanao izao na izao?" I Adonia dia lehilahy tena tsara tarehy, teraka nanarakaraka an'i Absaloma.
[7]Nifampiresaka tamin'i Joaba zanak'i Zeroia sy tamin'i Abiatara mpisorona izy. Nanaraka an'i Adonia izy ireo ka nanampy azy. [8]Fa Zadoka mpisorona, sy Benaia zanak'i Joiada, sy Natana mpaminany, Simey, Rey, ary ny lehilahy mahery izay an'i Davida kosa dia tsy mba nanaraka an'i Adonia.
[9]Ary Adonia nanao sorona ondry aman'osy, omby ary zanak'omby mifahy teo akaikin'ny vaton'i Zoheleta, izay eo anilan'i En-rogela. Nasainy avokoa ny rahalahiny rehetra, ireo zanaka lahin'ny mpanjaka, ary ny lehilahin'i Joda rehetra, sy ireo mpanompon'ny mpanjaka. [10]Saingy tsy nanasa an'i Natana mpaminany, sy Benaia ary ireo lehilahy mahery, na i Solomona rahalahiny izy.
[11]Ary Natana niteny tamin'i Batseba renin'i Solomona, nanao hoe: "Mbola tsy renao ve fa lasa mpanjaka i Adonia zanaka lahin'i Hagita, ary tsy mahafantatra izany i Davida tompontsika? [12]Noho izany dia avelao aho hanoro hevitra anao izao, mba hamonjenao ny ainao sy ny ain'i Solomona zanaka lahinao.
[13]Mandehana mankany amin'i Davida mpanjaka; lazao aminy hoe: 'Ry mpanjaka tompoko, moa ve ianao tsy nianiana tamin'ny mpanomponao, nanao hoe: "Azo antoka tokoa fa i Solomona zanakao lahy no hanjaka handimby ahy, ary hipetraka eo amin'ny seza fiandrianako izy?" Koa nahoana no Adonia no manjaka?' [14]Raha mbola miresaka amin'ny mpanjaka eny ianao, dia ho avy ao aorianao aho ary hanamafy ireo teninao."
[15]Ka nankao amin'ny efitranon'ny mpanjaka i Batseba. Efa tena antitra ny mpanjaka, ary Abisaga Sonemita no nanompo ny mpanjaka. [16]Nanondrika ny tenany sy nandohalika teo anatrehan'ny mpanjaka i Batseba. Dia hoy ny mpanjaka hoe: "Inona no irianao?" [17]Dia hoy izy taminy: "Ry Tompoko, ianao nianiana tamin'ny mpanomponao tamin'ny alalan'i Yaveh Andriamanitrao, nilaza hoe: 'Azo antoka tokoa fa i Solomona zanaka lahinao no hanjaka handimby ahy, ary hipetraka eto amin'ny seza fiandrianako izy.'
[18]Ankehitriny, indro, Adonia no mpanjaka, ary ianao, ry mpanjaka tompoko, dia tsy mahafantatra izany. [19]Nanao sorona omby, zanak'omby mifahy, sy ondry aman'osy maro dia maro izy, ary nanasa ireo zanaka lahin'ny mpanjaka rehetra, Abiatara mpisorona, ary Joaba kapitenin'ny tafika, kanefa tsy nanasa an'i Solomona mpanomponao izy.
[20]Fa raha ny aminao, ry mpanjaka tompoko, ny mason'ny Israely rehetra dia eo aminao, miandry anao mba hilaza amin'izy ireo hoe iza no hipetraka eo amin'ny seza fiandrianana handimby anao, ry tompoko. [21]Fa raha tsy izany, dia heverina ho tahaka ny mpanao meloka izaho sy Solomona zanako, rehefa hodimandry miaraka amin'ireo razany ny mpanjaka tompoko."
[22]Ary raha mbola niresaka tamin'ny mpanjaka izy, dia niditra i Natana mpaminany. [23]Ireo mpanompo niteny tamin'ny mpanjaka hoe: "Io i Natana mpaminany." Rehefa nandroso teo anoloan'ny mpanjaka izy, dia nampiankohoka ny tenany teo anatrehan'ny mpanjaka no sady nihohoka tamin'ny tany ny tavany.
[24]Hoy i Natana: "Ry mpanjaka tompoko, nilaza ve ianao hoe: 'I Adonia no hanjaka handimby ahy, ary hipetraka eo amin'ny seza fiandrianako izy?' [25]Satria nandeha nidina izy androany ary nanao sorona omby, sy zanak'omby mifahy, ary ondry aman'osy maro dia maro, sy nanasa ny zanaky ny mpanjaka rehetra, ireo kapitenin'ny tafika, ary Abiatara mpisorona. Mihinana sy misotro eo anoloany izy ireo, ka miteny hoe: "Ho ela velona anie i Adonia mpanjaka!"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Fa izaho, mpanomponao, sy Zadoka mpisorona, Benaia zanaka lahin'i Joiada, ary Solomona mpanomponao, dia tsy nasainy izahay. [27]Dia nanao izany ka tsy niteny taminay, mpanomponao, izay tokony hipetraka eo amin'ny seza fiandrianana handimby azy ve ny mpanjaka tompoko?"
[28]Dia namaly i Davida mpanjaka ka nanao hoe: "Antsoy hiverina eto amiko i Batseba." Dia niditra teo anatrehan'ny mpanjaka izy ary nitsangana teo anoloan'ny mpanjaka. [29]Nanao voady ny mpanjaka ka nanao hoe: "Raha mbola velona koa i Yaveh, izay nanafaka ahy tamin'ny olana rehetra, [30]tahaka ny nanaovako voady taminao tamin'ny alalan'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, manao hoe: "Hanjaka handimby ahy i Solomona zanakao, ary hipetraka eo amin'ny seza fiandrianako eo amin'ny toerako izy,' dia ho ataoko izany androany." [31]Dia nanondrika ny tavany tamin'ny tany i Batseba, ary nampiankohoka ny tenany teo anoloan'ny mpanjaka nanao hoe: "Ho velona mandrakizay anie Davida mpanjaka tompoko!"
[32]Hoy i Davida mpanjaka hoe: "Antsoy hankaty amiko i Zadoka mpisorona, sy Natana mpaminany, ary Benaia zanak'i Joiada." Ka nankeo anatrehan'ny mpanjaka izy ireo. [33]Dia hoy ny mpanjaka tamin'izy ireo hoe: "Ento miaraka aminareo ny mpanompon'ny tomponareo, ary ampitaingeno ny apondrako i Solomona zanako lahy ka ento midina any Gihona izy.
[34]Aoka i Zadoka mpisorona sy Natana mpaminany hanosotra azy ho mpanjaka eo amin'ny Israely ary hitsoka ny trompetra ka anao hoe: "Ho ela velona anie i Solomona Mpanjaka!"
[35]Dia hiakatra hanaraka azy ianareo, ka hiditra sy hipetraka eo amin'ny seza fiandrianako izy; satria ho mpanjaka eo amin'ny toerako izy. Izaho efa nanendry azy ho mpitondra eo amin'ny Israely sy Joda." [36]Dia namaly ny mpanjaka i Benaia zanak'i Joiada, ka nanao hoe: "Ho tanteraka anie izany! Ho hamafisin'Yaveh, Andriamanitry ny mpanjaka tompoko, anie izany. [37]Tahaka ny nombàn'i Yaveh mpanjaka tompoko anie, no hanombàny an'i Solomona koa, ary hataony lehibe noho ny seza fiandrianan'i Davida mpanjaka tompoko ny seza fiandrianany."
[38]Koa lasa nidina niaraka tamin'i Solomona nitaingina ny apondran'i Davida mpanjaka i Zadoka mpisorona, Natana mpaminany, Benaia zanak'i Joiada, sy ireo Keretita, ary ireo Peletita, nentin'izy ireo nidina tany Gihona izy. [39]Naka ny tandroka misy menaka avy tao amin'ny lay i Zadoka mpisorona ary nanosotra an'i Solomona. Dia notsofin'izy ireo ny trompetra, ary hoy ny olona rehetra hoe: "Ho ela velona anie Solomona mpanjaka!" [40]Avy eo dia niakatra nanaraka azy ny vahoaka rehetra, ary nitsoka sodina ny vahoaka ary niravoravo tamin'ny fifaliana lehibe, ka nihozongozona nohon'ny feon'izy ireo ny tany.
[41]Ary i Adonia sy ireo vahiny rehetra izay niaraka taminy nandre izany rehefa avy nihinana izy ireo. Rehefa nandre ny feon'ny trompetra i Joaba, dia hoy izy hoe: "Maninona no misy tabataba eto amin'ny tanàna?" [42]Raha mbola niteny izy, dia tonga i Jonatana zanak'i Abiatara mpisorona. Hoy i Adonia hoe: "Mandrosoa, fa lehilahy mendrika ianao ary mitondra vaovao mahafaly."
[43]Dia namaly i Jonatana ka niteny tamin'i Adonia hoe: "Davida mpanjaka tompontsika efa nanao an'i Solomona ho mpanjaka, [44]ary ny mpanjaka efa naniraka an'i Zadoka mpisorona, Natana mpaminany, sy Benaia zanak'i Joiada, ary ireo Keretita sy ireo Peletita. Efa nampitaingenan'izy ireo ny ampondran'ny mpanjaka i Solomona. [45]Zadoka mpisorona sy Natana mpaminany dia efa nanosotra azy ho mpanjaka tany Gihona, ary niakatra tamim-pifaliana avy tany, hany ka anaty tabataba ny tanàna. Izany no tabataba renao.
[46]Ary mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny fanjakana ihany koa i Solomona. [47]Fanampin'izany, dia tonga nitsodrano an'i Davida mpanjaka tompontsika ny mpanompon'ny mpanjaka, nanao hoe: "Hataon'Andriamanitrao tsara noho ny anaranao anie ny anaran'i Solomona, ary hataony lehibe noho ny seza fiandriananao anie ny seza fiandrianany.' Dia niankohoka teo am-pandriana ny mpanjaka. [48]Dia hoy koa ny mpanjaka hoe: "Deraina anie Yaveh, ilay Andriamanitry ny Israely, izay nanome olona iray hipetraka eo amin'ny seza fiandrianako amin'izao andro izao, ka afaka mahita izany ny masoko.'"
[49]Dia raiki-tahotra ireo vahinin'i Adonia rehetra. Dia nitsangana izy ireo ka samy nandeha tamin'ny lalany avy. [50]Ary i Adonia dia natahotra an'i Solomona ka nitsangana, nandeha, ary nitazona ny tandroky ny alitara. [51]Avy eo dia nambara tamin'i Solomona izany, nanao hoe: "Indro, matahotra an'i Solomona mpanjaka i Adonia, satria nihazona ireo tandroky ny alitara izy, nanao hoe, 'Aoka i Solomona mpanjaka hianiana amiko mialoha fa tsy hamono ny mpanompony amin'ny sabatra izy.'"
[52]Dia hoy i Solomona: "Raha haneho ny tenany ho lehilahy mendrika izy, na dia singam-bolony iray aza tsy ho latsaka amin'ny tany, fa raha faharatsiana kosa no hita ao aminy, dia ho faty izy." [53]Ka dia naniraka olona i Solomona mpanjaka, izay nitondra an'i Adonia nidina avy teo amin'ny alitara. Dia avy izy ka nandohalika teo amin'i Solomona Mpanjaka, ary hoy i Solomona taminy: "Mandehana any an-tranonao."

2 [1]Rehefa akaiky ny andro nahafatesan'i Davida, dia nandidy an'i Solomona zanany izy, nanao hoe: [2]"Handeha amin'ny lalan'ny tany rehetra aho. Matanjaha, noho izany, ary asehoy fa lehilahy ny tenanao. [3]Tàno ireo didin'i Yaveh Andriamanitrao izay mandeha amin'ny lalany, ankatoavy ireo lalàny, ireo fanapaha-keviny, ary ireo didim-panekeny, mitandrema amin'izay voasoratra ao amin'ny lalàn'i Mosesy, mba hambinina amin'izay rehetra ataonao ianao, na aiza na aiza alehanao, [4]mba hahafahan'i Yaveh manatanteraka ny teniny izay nolazainy mikasika ahy, manao hoe: 'Raha mijery tsara ny fitondran-tenany ireo zanakao lahy, ary handeha eo alohako am-pitokiana miaraka amin'ny fo sy fanahin'izy ireo manontolo, dia tsy hitsahatra ny hanana lehilahy eo amin'ny seza fiandrianan'Israely ianao.'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Ianao ihany koa dia mahafantatra izay nataon'i Joaba zanak'i Zeroia tamiko, ary izay nataony tamin'ny mpifehy roa ny tafik'Israely, dia tamin'i Abnera zanaka lahin'i Nera, ary tamin'i Amasa zanaka lahin'i Jetera, izay novonoiny. Nozarainy tam-piadanana ny ràn'ady ary napetany teo amin'ny fehin-kibo nanodidina ny valahiny sy tamin'ny kapa teo an-tongony ny ràn'ady. [6]Mifanaraha amin'i Joaba amin'ny alalan'ny fahendrena efa nianaranao, saingy aza avela hidina any amin'ny fasana am-piadanana ilay volo fotsiny.
[7]Na dia izany aza, manehoa hatsaram-panahy amin'ireo zanaka lahin'i Barzilay Giledita, ary avelao ho isan'ireo izay hihinana eo an-databatrao izy ireo, fa tonga taty amiko izy ireo rehefa nandositra avy tany amin'i Absaloma rahalahinao aho.
[8]Indro, efa miaraka aminao i Simey zanaka lahin'i Gera, ilay Benjamita avy any Bahorima, izay nanozona ahy tamin'ny ozona mahery vaika tamin'ny andro nandehanako tany Mahanaima. Dia nidina hihaona tamiko tany Jordana i Simey, ary nianiana taminy tamin'ny alalan'i Yaveh aho, nanao hoe: 'Tsy hamono anao amin'ny sabatra aho.' [9]Koa ankehitriny aza avela ho afaka amin'ny sazy izy. Lehilahy hendry ianao, ary ho fantatrao izay tokony ho ataonao aminy. Ho entinao midina any amin'ny fasana miaraka amin'ny rà ny volo fotsiny."
[10]Avy eo i Davida dia nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny ary nalevina tao amin'ny tanànan'i Davida. [11]Efapolo taona teo ireo fotoana nanjakan'i Davida teo amin'ireo Israely. [12]Nanjaka nandritra ny fito taona tany Hebrona izy ary tany Jerosalema nandritra ny telopolo taon. Ary nipetraka teo an-tseza fiandrianan'i Davida rainy i Solomona, ary tafapetraka tsara ny fitondràny.
[13]Dia tonga tany amin'i Batseba renin'i Solomona i Adonia zanaka lahin'i Hagita. Hoy izy hoe: "Tonga mba hihavana ve ianao?" Namaly izy hoe: "Hihavana." [14]Dia hoy izy hoe: "Misy zavatra ho lazaiko anao." Ka namaly izy hoe: "Lazao." [15]Hoy Adonia hoe: "Fantatrao fa ahy ny fanjakana, ary ny Israely rehetra dia efa nanantena ahy ho mpanjaka. Saingy niova ny zavatra rehetra, ary natolotra ho an'ny rahalahiko ny fanjakana, fa efa azy avy amin'i Yaveh izany.
[16]Ankehitriny dia manana fangatahana iray aminao aho, ary aza lavina aho." Hoy Batseba taminy hoe: "Lazao" [17]Dia hoy izy: "Resaho re Solomona mpanjaka, fa tsy handao anao izy, mba hahafahany manome ahy an'i Abisaga ilay Sonemita mba ho vadiko." [18]Hoy i Batseba: "Eny ary, hiresaka amin'ny mpanjaka aho."
[19]Noho izany dia nandeha tany amin'i Solomona mpanjaka i Batseba mba hiresaka aminy ho an'i Adonia. Dia nitsangana ny mpanjaka hihaona taminy ary niondrika teo aminy. Avy eo dia nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany izy ary nanana seza fiandrianana nentina ho an'ny renin'ny mpanjaka. Dia nipetraka avy eo an-kavanany izy. [20]Ary hoy izy hoe: "Mba te-hanao fangatahana kely aminao aho, satria tsy handà ahy ianao." Dia namaly azy ny mpanjaka hoe: "Angataho, ry reniko, fa tsy handà anao aho." [21]Dia hoy izy: "Aleo i Abisaga ilay Sonemita mba ho atolotra an'i Adonia rahalahinao ho vadiny."
[22]Namaly i Solomona mpanjaka ary nilaza tamin'ny reniny hoe: "Nahoana ianao no mangataka an'i Abisaga Sonemita ho an'i Adonia? Nahoana ianao no tsy nangataka ny fanjakana ho azy ihany koa, satria izy no lahimatoa __ ho azy, ho an'i Abiatara mpisorona, ary ho an'i Joaba zanaka lahin'i Zeroia ve?" [23]Avy eo dia nianiana tamin'i Yaveh i Solomona mpanjaka, nanao hoe: "Enga anie Andriamanitra hanao izany amiko, ary bebe kokoa, raha tsy nanohitra ny ainy tamin'izany teny izany i Adonia.
[24]Ka noho izany raha mbola velona koa i Yaveh, izay nametraka ahy sy nanao ahy teo amin'ny seza fiandrianan'i Davida raiko, ary efa nanamboatra trano ho ahy araka ny nampanantenainy tamiko, dia azo antoka fa hovonoina i Adonia anio."
[25]Ka dia naniraka an'i Benaia zanak'i Joiada i Solomona mpanjaka, ary nahita an'i Adonia i Benaia ka namono azy.
[26]Avy eo dia hoy Abiatara mpisorona tamin'ny mpanjaka hoe: "Mandehana any Anatota, any amin'ireo sahanao. Fa mendrika ny ho faty ianao, saingy tsy hamela anao ho faty amin'izao fotoana izao aho, satria nitondra ny fiaran'i Yaveh Tompo teo anatrehan'i Davida raiko ianao ary nijaly tamin'ny fomba rehetra nijalian'ny raiko." [1][27]Ka noroasin'i Solomona tsy ho mpisoron'i Yaveh i Abiatara, ka mety hanatanteraka ireo tenin'i Yaveh izy, araka izay efa noresahiny momba ny ankohonan'i Ely tao Silo.
[28]Tonga tany amin'i Joaba ireo vaovao, fa Joaba nanohana an'i Adonia, fa tsy nanohana an'i Absaloma. Ka nandositra tany amin'ny trano lain'i Yaveh i Joaba ary nihazona ny tandroky ny alitara. [29]Nolazaina tamin'i Solomona Mpanjaka fa i Joaba dia nandositra tany amin'ny trano lain'i Yaveh ary eo anilan'ny alitara ankehitriny. Avy eo dia naniraka an'i Benaia zanak'i Jehodia i Solomona, nanao hoe: "Mandehana, vonoy izy."
[30]Ary tonga tany amin'ny trano lain'i Yaveh i Benaia ary nilaza taminy hoe: "Hoy ny mpanjaka hoe: 'Mivoaha.'" Namaly i Joaba hoe: "Tsia, ho faty eto aho." Ka dia niverina tany amin'ny mpanjaka i Benaia, nanao hoe: "Nilaza i Joaba fa te-ho faty ao amin'ny alitara hono izy." [31]Dia hoy ny mpanjaka taminy: "Ataovy araka izay nolazainy. Vonoy izy ary aleveno mba hafahanao miala amiko sy amin'ny taranaky ny raiko ny rà izay nalatsak'i Joaba tamin'ny tsy misy antony.
[32]Enga anie i Yaveh hamerina ny ràny ho eo an-dohany, satria nanafika lehilahy roa feno fahamarinana sy tsara noho ny tenany izy ary namono azy ireo tamin'ny sabatra, dia i Abnera zanaka lahin'i Nera, filohan'ny tafik'Israely, sy Amasa zanaka lahin'i Jetera, filohan'ny tafik'i Joda, ary tsy nahafantatra izany i Davida raiko. [33]Koa enga anie ny ràn'izy ireo hiverina eny an-dohan'i Joaba sy eny an-dohan'ireo taranany mandrakizay. Fa amin'i Davida sy ireo taranany, amin'ny fianakaviany, ary amin'ny seza fiandrianany, dia enga anie hisy fiadanana mandrakizay avy amin'i Yaveh."
[34]Avy eo i Benaia zanak'i Jehodia niakatra ary nanafika an'i Joaba ka namono azy. Dia nalevina tany amin'ny tranony tany an'efitra ihany izy. [35]Ny mpanjaka dia nametraka an'i Benaia zanak'i Joiada teo amin'ny tafika hisolo ny toerany, ary nametraka an'i Zadoka mpisorona tany amin'ny toeran'i Abiatara.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[36]Avy eo ny mpanjaka dia naniraka ary nampiantso an'i Simey, ary niteny taminy hoe: "Manorena trano iray any Jerosalema ianao ary mitoera any, ka aza mivoaka ao amin'izany mankany amin'ny toeran-kafa. [37]Fa amin'ny andro izay hivoahanao, sy handalovanao eny amin'ny Lohasahan-driaka Kidrona, dia fantaro marina fa ho vonoina tokoa ianao. Ho eo amin'ny lohanao ny ràvanao." [38]Ka hoy I Simey tamin'ny mpanjaka hoe: "Tsara izany lazainao izany. Araka izay nolazain'ny mpanjaka tompoko, dia hataonao mpanomponao." Dia nitoetra tany Jerosalema nandritra ny andro maromaro i Simey.
[39]Fa nony tapitra ny telo taona, dia nitsoaka tany amin'i Akisa zanak'i Maka mpanjakan'i Gata ireo mpanompo roa an'i Simey. Ka niresaka tamin'i Simey izy ireo, nanao hoe: "Indro, ireo mpanomponao dia any Gata." [40]Dia nitsangana i Simey, ary nanisy lasely ny borikiny ka nandeha tany amin'i Akisa tany Gata mba hitady ireo mpanompony. Dia nandeha izy ary nentiny niverina avy tany Gata ireo mpanompony.
[41]Rehefa nilaza i Solomona fa i Simey dia nandeha avy tany Jerosalema ho any Gata ary efa niverina, [42]dia naniraka sy nampiantso an'i Simey ny mpanjaka, ary nanao taminy hoe: "Tsy efa nampianiana anao tamin'i Yaveh ve aho ary nijoro vavolombelona taminao, nanao hoe: 'Fantaro tanteraka izay andro hivoahanao sy handehananao any amin'ny toeran-kafa, fa ho faty tokoa ianao'? Avy eo dia hoy ianao tamiko hoe: 'Tsara izany lazainao izany.'
[43]Nahoana ary ianao no tsy mitàna ny fianiananao tamin'i Yaveh sy ny baiko izay nomeko anao?" [44]Hoy koa ny mpanjaka tamin'i Simey: "Fantatrao ao am-ponao ireo haratsiam-panahy rehetra izay nataonao tamin'i Davida raiko. Noho izany dia ho averin'i Yaveh eo ambony lohanao ny haratsiam-panahinao.
[45]Fa ho tahiana i Solomona mpanjaka ary ny seza fiandrianan'i Davida dia hapetraka eo anatrehan'i Yaveh mandrakizay."
[46]Avy eo ny mpanjaka nanome baiko tamin'i Benaia zanaka lahin'i Joiada. Dia nivoaka izy ary namono an'i Simey. Ka dia napetraka tsara teo an-tanan'i Solomona ny fitondràna.

---

[a]Fanamarihana: ireo dikan-teny sasany dia misy hoe: "... fiaran'i Yaveh..."

---

3 [1]Nanao dina tamin'i Farao mpanjakan'ny Egypta tamin'ny alalan'ny fanambadiana i Solomona. Naka ny zanaka vavin'i Farao izy ary nitondra azy tao amin'ny tanàn'i Davida mandraham-pahavitany nanorina ny tranony manokana, ny tranon'i Yaveh, ary ny manda manodidina an'i Jerosalema. [2]Teny amin'ireo toerana avo no nanaovan'ireo olona sorona, satria mbola tsy nisy trano niorina ho an'ny anaran'i Yaveh. [3]Naneho ny fitiavany an'i Yaveh i Solomona tamin'ny fandehanana araka ny lalàn'i Davida rainy, hafa tsy izay nanaovany sorona sy nandoro ditin-kazo manitra teny amin'ireo toerana avo izy.
[4]Nankany Gibeona ny mpanjaka mba hanao sorona teny, satria toerana avo lehibe izany. Nanolotra fanatitra dorana arivo teo ambonin'izany alitara izany i Solomona. [5]Tao Gibeona dia niseho tamin'ny nofy tamin'i Solomona Yaveh nony alina; hoy Izy hoe: "Angataho! Inona no tokony homeko anao?"
[6]Koa hoy i Solomona hoe: "Ianao efa naneho tsy fivadiham-panekana lehibe tamin'ny mpanomponao, dia i Davida raiko, satria nandeha teo anatrehanao tamin'ny fahamendreham-pitokisana, tamin'ny fahamarinana, ary tamin'ny fahitsim-po izy. Nohazoninao ho azy ity tsy fivadiham-panekana lehibe ity ary nomenao zanaka lahy hipetraka eo amin'ny seza fiandrianany izy anio.
[7]Ankehitriny ry Yaveh Andriamanitro, efa nanao ny mpanomponao ho mpanjaka teo amin'ny toeran'i Davida raiko Ianao, na dia mbola zaza ihany aza aho. Ka tsy fantatro hoe ahoana no fomba hivoahana na hidirana. [8]Ny mpanomponao dia eo afovoan'ireo olona izay nosafidianao, vahoaka lehibe, maro tsy tambo isaina na tsy voaisa. [9]Koa omeo ny mpanomponao ny fahazavam-po hitsara ny olonao, mba hahafahako manavaka ny tsara sy ny ratsy. Fa iza moa no mahay mitsara izao vahoakanao marobe izao?"
[10]Nahafaly ny Tompo izany fangatahan'i Solomona izany. [11]Dia hoy Andriamanitra taminy hoe: "Satria efa nangataka izany zavatra izany ianao ary tsy nangataka ho an'ny tenanao mba ho lava andro hiainana na harena na ny ain'ireo fahavalonao, fa nangataka fahazavan-tsaina ho an'ny tenanao mba hamantarana ny rariny. [12]Indro, ankehitriny hataoko izay rehetra nangatahanao tamiko rehefa nomenao Ahy ny fangatahanao. Omeko fo hendry sy mahalala ianao, mba tsy hisy ho tahaka anao teo alohanao, ary tsy hisy tahaka anao hitsangana ao aorianao.
[13]Efa nomeko anao ihany koa izay tsy nangatahinao, dia ny harena sy ny voninahitra, mba tsy hisy ho tahaka anao eo amin'ireo mpanjaka amin'ny andronao rehetra. [14]Raha handeha araka ny lalako ianao ka hitandrina ireo lalàko sy ireo didiko, tahaka ny nandehanan'ny rainao, dia hanalava ny andronao Aho."
[15]Dia nifoha i Solomona, ary indro, nofy izany. Tonga tao Jerosalema izy ary nitsangana nanoloana ny fiaran'ny faneken'ny Tompo. Nanatitra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana izy, ary nanao fanasana ho an'ireo mpanompony rehetra.
[16]Dia nisy vehivavy roa izay mpivaro-tena tonga teo amin'ny mpanjaka ary nitsangana teo anatrehany. [17]Hoy ilay vehivavy anankiray hoe: "O, ry tompoko, izaho sy ity vehivavy ity dia miray trano, ary niteraka zaza tao amin'ilay trano niarahako taminy aho.
[18]Ary tamin'ny andro fahatelo taorian'ny niterahako dia niteraka koa ity vehivavy ity. Niaraka izahay. Tsy nisy olona hafa niaraka taminay tao an-trano, fa izahay roa ihany. [19]Avy eo maty ny zanaka lahin'ity vehivavy ity nony alina, satria

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

voatsindriny izy. [20]Ka nitsangana izy ny sasak'alina ary naka ny zanako lahy avy eo anilako, raha mbola natory ny mpanomponao, ary nametraka azy teo an-tratrany, sy nametraka ny zanany lahy teo an-tratrako.
[21]Rehefa nifoha hampinono ny zanako aho ny maraina, dia efa maty izy. Fa rehefa nijery azy tsara aho ny maraina, dia tsy zanako, izay naterako izy." [22]Fa ilay vehivavy anankiray nilaza hoe: "Tsia, ilay iray velona no zanako, ary ilay iray maty no zanakao." Ilay vehivavy voalohany nilaza hoe: "Tsia, ilay maty no zanakao, ary ny iray velona no zanako." Izany ny fomba noresahan'izy ireo teo anatrehan'ny mpanjaka."
[23]Dia hoy ny mpanjaka hoe: "Ny iray taminareo milaza hoe: 'Ity velona ity no zanako, ary ilay maty no zanakao,' ary ny iray milaza hoe: 'Tsia, ilay maty no zanakao, ary ilay iray velona no zanako.'" [24]Hoy ny mpanjaka hoe: "Itondrao sabatra aho." Ka nentin'izy ireo teo anatrehan'ny mpanjaka ny sabatra. [25]Ary hoy ny mpanjaka hoe: "Zarao roa ny zaza velona, ary omeo ity vehivavy ity ny antsasany ary omeo ny anankiray ny antsasany."
[26]Ary ilay vehivavy izay velon-janaka niresaka tamin'ny mpanjaka, fa feno fangoraham-po ho an'ny zanany ny fony, ary hoy izy hoe: "O, ry tompoko, omeo azy ny zaza velona, ary tsy midika izany hoe mamono azy." Fa hoy ilay vehivavy iray: "tsy ho ahy na ho anao akory izy. Zarao izy." [27]Avy eo namaly ny mpanjaka ka niteny hoe: "Omeo ilay vehivahy voalohany ny zaza velona, ary tsy midika izany hoe mamono azy. Fa izy no reniny." [28]Rehefa ren'Israely rehetra ny fitsaràna izay nataon'ny mpanjaka, dia natahotra ny mpanjaka izy ireo, satria hitan'izy ireo fa tao aminy ny fahendren'Andriamanitra ho entiny mitsara.

4 [1]Mpanjaka teo amin'Israely rehetra i Solomona Mpanjaka. [2]Ireto ireo manam-pahefany: Azaria zanak'i Zadoka no mpisorona. [3]Elihorefa sy Ahia zanak'i Sisa, no mpitan-tsoratra. Josafata zanak'i Ahiloda no mpitam-boky. [4]Benaia zanak'i Joiada no nisahana ny tafika. Zadoka sy Abiatara no mpisorona. [1]
[5]Azaria zanak'i Natana no nifehy ireo manam-pahefana. Zaboda zanak'i Natana dia mpisorona sy naman'ny mpanjaka.
[6]Ahisara no nifehy ny tokan-trano. Adonirama zanak'i Abda dia teo amin'ireo olona izay no nifehy ireo mpanao asa an-terivozona.
[7]Nanana manam-pahefana roa ambin'ny folo i Solomona manerana an'Israely rehetra, izay niantoka ny sakafo ho an'ny mpanjaka sy ny ankohonany. Ny lehilahy tsirairay avy dia niantoka ny tahirin-tsakafo mandritra ny iray volana ao anatin'ny taona. [8]Ireto avy ny anarany: [9]Beni-hora, avy any an-tany havoan'Efraima; Beni-dakera tao Makaza, Salbima, Beti-semesy, sy Elon-beti-hanana; [10]Beni-haseda, tao Arobota (Azy i Soko sy ny tany rehetra tao Hefera);
[11]Beni-Abinadaba, teo amin'ny distrikan'i Dora rehetra (Tafata zanaka vavin'i Solomona no vadiny); [12]Bana zanak'i Ahiloda, tao Tanaka sy Megido, sy Beti-sana rehetra izay teo akaikin'i Zaretana ambanin'i Jezirela, avy eo Beti-sana ka hatrany Abela-mehola lavitry ny rivon'i Jokneama; [13]Beni-gabera tao Ramota-gileada (Azy ny tananan'i Jaïra zanak'i Manase, izay tao Gileada, ary ny faritr'Argoba dia azy, izay tany Basana, tanàna lehibe enimpolo misy rindrina sy hidim-baravarana varahina); [14]Ahinadaba zanak'i Ido, tao Mahanaima;
[15]Ahimaza, tao Naftaly (novadiany ihany koa i Basemata zanaka vavin'i Solomona); [16]Bana zanak'i Hosay, tao Asera sy Bealota; [17]Josafata zanak'i Paroa, tao Isakara;
[18]Simey zanak'i Ela, tao Benjamina; [19]ary Gabera zanak'i Ory, any amin'ny tanin'i Gileada, tanànan'i Sihona mpanjakan'ny Amorita sy Oga mpanjakan'i Basana, ary izy irery no manam-pahefana izay tao amin'ny tany.
[20]Joda sy Israely dia maro toy ny fasika amoron-dranomasina. Nihinana sy nisotro izy ireo ary faly. [21]I Solomona dia nandidy ny fanjakana rehetra hatreo amin'ny Ony ka hatrany an-tanin'ny Filistina sy ny sisin-tanin'i Egypta. Nitondra fanomezam-boninahitra sy nanompo an'i Solomona izy ireo nandritra ny androm-piainany rehetra. [22]Ny tahirin-tsakafon'i Solomona anatin'ny iray andro dia koba tsara toto telopolo kora sy sakafo enimpolo kora, [23]omby matavy folo, omby tsy nihinam-bilona roampolo, ary ondry zato, afa-tsy ny serfa, gazela, kapreola, ary vorona noatavezina.
[24]Satria nanam-pahefana tamin'ny faritra rehetra manila ny ony iny izy, avy eo Tifsa ka hatrany Gaza, mihoatra ireo mpanjaka rehetra izay nanila ny Ony, dia nanana fiadanana tamin'ny nanodidina azy rehetra izy. [25]Niaina am-pitoniana i Joda sy Israely, ny olona rehetra dia teo ambanin'ny voalobony sy ny aviaviny, avy eo Dana hatrany Beri-sheba, tamin'ny andron'i Solomona rehetra.
[26]Nanana tranon-tsoavaly efapolo alina izy ho an'ny kalesiny, ary mpitaingin-tsoavaly roa arivo sy iray alina. [27]Ireo manam-boninahitra ireo dia niantoka sakafo ho an'i Solomona mpanjaka sy ho an'ireo rehetra izay avy teo amin'ny latabatr'i Solomona, ny olon-drehetra tamin'ny volany avy. Ka tsy navelan'izy ireo ho tsy ampy ny zavatra rehetra.
[28]Nitondra vary hordea sy mololo ho an'ireo soavaly mpitarika kalesy sy soavaly fitaingina izy ireo, samy mitondra izay zakany avy ny tsirairay.
[29]Nomen'Andriamanitra fahendrena sy fahazavan-tsaina be i Solomona, ary fivelaran-tsaina toy ny fasika eny amoron-dranomasina. [30]Ny fahendren'i Solomona dia nihoatra ny fahendren'ireo olona rehetra tany antsinanana sy ny fahendren'i Egypta.[31]Nanam-pahendrena noho ny olona rehetra izy_noho i Etana Ezrahita, Hemana, Kalkola sy Darda zanak'i Mahola_ary ny lazany dia tonga tany amin'ny firenena manodidina rehetra.
[32]Niteny ohabolana telo arivo izy ary dimy amby arivo ny hirany raha hisaina. [33]Namaritra ny zava-maniry izy, avy amin'ny sedara tany Libanona ka hatramin'ny hysopa izay maniry manaraka ny rindrina. Nanazava momba ireo biby ihany koa izy, ireo vorona, ireo zavatra mandady, ary ny hazan-drano. [34]Tonga avy tamin'ny firenena rehetra ny olona

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mba hihaino ny fahendren'i Solomona. Izy ireo dia avy amin'ireo mpanjaka rehetran'ny tany izay efa nandre ny fahendreny.

---

1 Fanamarihana: Ny dika sasany dia mandray an'ilay hoe 'Zadoka sy Abiatara no mpisorona' ho fanampiny amin'ny lahatsoratra taty aoriana.

---

5 [1]Hirama mpanjakan'i Tyro dia nandefa ireo mpanompony ho any amin'i Solomona satria reny fa voahosotr'izy ireo handimby an-drainy izy; satria Hirama dia efa tia an'i Davida foana hatrizay. [2]Nampitondra teny ho any amin'i Hirama i Solomona, nilaza hoe: [3]"Fantatrao fa i Davida raiko dia tsy afaka nanamboatra trano ho an'ny anaran'i Yaveh Andriamaniny noho ireo ady izay nanodidina azy, fa nandritra ny androm-piainany i Yaveh dia nametraka ireo fahavalony teo ambany faladian-tongony.
[4]Fa ankehitriny, Yaveh Andriamanitro dia efa nanome ahy fitsaharana amin'ny lafiny rehetra. Tsy misy na mpifanandrina na loza. [5]Koa dia mikasa ny hanorina Tempoly ho an'ny anaran'i Yaveh Andriamanitro aho, araka izay noresahan'i Yaveh tamin'i Davida raiko, nanao hoe: "Ny zanakao lahy, izay hapetrako eo amin'ny seza fiandriananao eo amin'ny toeranao, no hanangana ny Tempoly ho an'ny anarako.'
[6]Ary ankehitriny mandidia mba hanapahan'izy ireo hazo Sedera avy any Libanona ho ahy. Hiaraka amin'ireo mpanomponao ireo mpanompoko, ary izaho no handoa ny karaman'ireo mpanomponao mba ho voakarama ara-drariny ianao ny amin'ny zavatra rehetra izay nekenao atao. Satria fantatrao fa tsy misy eo aminay mahay ny fomba anapahana hazo toy ireo Sidoniana."
[7]Raha nandre ny tenin'i Solomona i Hirama, dia niravoravo indrindra izy ka niteny hoe: "Hoderaina anie Yaveh anio, izay nanome an'i Davida zanaka lahy hendry ho eo amin'ity vahoaka lehibe ity." [8]Nampitondra teny ho an'i Solomona i Hirama, nilaza hoe: "Efa henoko ny hafatra izay nalefanao ho ahy. Hamatsy ny hazo Sedera sy kypreso rehetra izay irianao aho.
[9]Ho entin'ireo mpanompoko midina avy any Libanona manakany amin'ny ranomasina ireo hazo, ary ho feheziko anaty vatan-kazo ireo ka hitsikafona amin'ny ranomasina mankany amin'ny toerana izay tondronao handefasako azy. Any no hampanapahako azy ireo, ary dia ho alainao ireo. Ho ataonao izay iriko amin'ny fanomezana sakafo ny ankohonako."
[10]Koa nomen'i Hirama an'i Solomona ny hazo sedera sy ny hazo kesika rehetra izay niriany. [11]Nomen'i Solomona varimbazaha roa alina kora ho sakafo ho an'ny ankohonany i Hirama ary diloilo tsy mitapoka roapolo kora. Nomen'i Solomona ho an'i Hirama isan-taona izany. [12]Nomen'i Yaveh fahendrena i Solomona, araka izay efa nampanantenainy azy. Nisy fihavanana teo amin'i Solomona sy Hirama, ka nanao fanekena izy roa tonta.
[13]Nampiantso mpanao asa an-terivozona tamin'ny Israely rehetra i Solomona Mpanjaka. Miisa telo alina ireo lehilahy mpanao asa an-terivozona. [14]Nalefany tany Libanona izy ireo, iray alina no mifandimby isam-bolana. Iray volana izy ireo no tany Libanona ary roa volana tany an-trano. I Adonirama no nanapaka teo amin'ireo lehilahy izay nampanekena ho amin'ny asa an-terivozona.
[15]Ary i Solomona nanana mpitondra entana fito alina sy mpamaky vato valo alina izay tany an-tendrombohitra,
[16]ankoatra ireo 3. 300 lehiben'ny manam-pahefan'i Solomona izay nanapaka ny asa ary izay nanaramaso ireo mpiasa.
[17]Araka ny didin'ny mpanjaka dia nandrafitra vato lehibe tsara kalitao mba hapetraka amin'ny fanorenana ny Tempoly izy ireo. [18]Ary ireo mpanorin-tranon'i Solomona sy ireo mpanorin-tranon'i Hirama ary ireo Gebalita no nanao ny fikapana sy ny fikarakarana ny hazo sy ireo vato hanamboarana ny tempoly.

6 [1]Ary i Solomona nanomboka nanamboatra ny tempolin'i Yaveh. Izao no niseho tamin'ny taona faha 480 taorian'ny nialan'ny zanak'Israely tamin'ny tany Egypta, tamin'ny taona faha efatra no nanjaka teo amin'ny Israely i Solomona, tamin'ny volana Ziva, izay volana faharoa. [2]Ny tempoly izay namboarin'i Solomona Mpanjaka ho an'i Yaveh dia enimpolo hakiho ny halavany, roapolo hakiho ny sakany, ary telopolo hakiho ny hahavony.
[3]Ny lavarangana eo anoloan'ny efitrano lehiben'ny tempoly dia roapolo hakiho ny halavany, mitovy amin'ny sakan'ny tempoly, ary folo hakiho halaliny eo anoloan'ny tempoly. [4]Ireo varavaran-kelin'ny trano dia nataony tery rafitra noho ny anatiny ny ivelany.
[5]Nanamboarany efitra ny manodidina ireo rindrin'ny efitrano lehibe, manodidina ny ivelany sy ny anatin'ny efitra. Nasiany efitra ny manodidina ireo sisiny rehetra. [6]Ny ambany indrindra dia dimy hakiho ny sakany, ny afovoany dia enina hakiho ny sakany, ary ny farany dia fito hakiho ny sakany. Fa ny ivelany dia nahenany ny rindrina manodidina ny trano rehetra mba tsy hisaraka amin'ireo andry amin'ny rindrin'ny trano.
[7]Vato voapaika no nanamboarana ny trano. Tsy nisy tantantana, famaky, na vy maranitra heno tao an-trano tamin'ny nanamboarana azy. [8]Ny avy any atsimon'ny tempoly dia nisy fidirana tao amin'ny rihana ambany, nisy tohatra iray fiakarana mankany amin'ny rihana voalohany, ary avy eo afovoany no miakatra mankany amin'ny rihana faharoa.
[9]Koa namboarin'i Solomona ny tempoly ary novitainy izany; norakofany andry sy hazo sedera fisaka ilay trano.
[10]Namboariny teo ampitan'ny efitranon'ny tempoly ireo efitra an-daniny, dimy hakiho isaky ny an-daniny; ka hazo sedera no nampifandray ny trano sy ny hazo sedera.
[11]Tonga tamin'i Solomona ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [12]"Ny momba ity tempoly izay namboarinao ity, raha handeha araka ny lalàko sy hanao ny rariny ianao, hitandrina ny didiko rehetra ary hanaraka izany, dia hamafisiko aminao ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fampanantenana izay nataoko tamin'i Davida rainao. [13]Hitoetra eo amin'ny vahoakan'Israely Aho ary tsy hahafoy azy ireo."
[14]Ka namboarin'i Solomona ny tempoly ary novitainy izany. [15]Avy eo dia namboariny tamin'ireo hazo sedera ny rindrina tao anatin'ny trano. Hatramin'ny tany ka hatramin'ny valin-drihana, dia norakofany hazo ny tao anatin'ireo, ary hazo kypreso no nanaromany ny ambany.
[16]Nataony roapolo hakiho hatreo an-damosin'ny trano misy hazo sedera hatrany ambany ka hatrany amin'ny valin-drihana. Nataony ho efitra anatiny izany efitra izany, ilay toerana masina indrindra. [17]Ny efi-trano lehibe, izay toerana masina eo anoloan'ny toerana masina indrindra, dia efapolo hakiho ny halavany. [18]Nisy sedera tao anatin'ny trano, voasokitra niendrika voatango sy voninkazo mivelatra. Sedera daholo ny ao anatiny. Tsy nisy rafi-bato tazana tao anatiny.
[19]Nanomana ny efitrano anatiny tao anatin'ilay trano mba hametrahana ny fiara faneken'i Yaveh tao i Solomona. [20]Ny efitrano anatiny dia roapolo hakiho ny halavany, roapolo hakiho ny sakany, ary roapolo hakiho ny hahavony. Nofenoin'i Solomona volamena tsy misy fangarony ireo rindrina ary norakofany hazo sedera ny alitara.
[21]Nofenoin'i Solomona volamena tsy mifangaro ny anatin'ny tempoly ary nampiany rojom-bolamena teo anoloanan'ny efitrano anatiny ary nofenoina volamena ny anoloana. [22]Ny anatiny manontolo dia norakofany volamena mandra-pahavitan'ny Tempoly rehetra. Nofenoiny volamena ihany koa manerana ny alitara izay ao amin'ny efitrano anatiny.
[23]Nanamboatra kerobima roa tamin'ny hazo oliva i Solomona, samy folo hakiho avy ny halavany, ho an'ny efitra anatiny.
[24]Ny elatry ny kerobima iray dia folo hakiho ny halavany, ary ny elany hafa dia dimy hakiho ihany koa. Ny halavirana eo amin'ny tendron'ny elatra iray hatrany amin'ny tendron'ny elatra hafa. [25]Ny tendron'ny elatra anankiray ka hatramin'ny tendron'ny elatra anankiray dia manana elanelana folo hakiho. Ilay kerobima hafa dia manana elatra folo hakiho. [26]Ny kerobima roa dia samy mitovy refy sy endrika. Ny hahavon'ny kerobima iray dia folo hakiho ary tahaka izany koa ilay kerobima hafa.
[27]Napetrak'i Solomona teo afovoan'ny trano ny kerobima. Navelatra ireo elatry ny kerobima mba hikasihan'ny elatra ny iray amin'ny rindrina iray ary elatr'ilay kerobima hafa hikasika ilay rindrina hafa. Nifampikasoka teo afovoan'ilay toerana masina indrindra ny elatr'izy ireo.[28]Norakofan'i Solomona tamin'ny volamena ny kerobima.
[29]Noravahany tamin'ireo sarin'ny kerobima ireo rindrina rehetra manodidina ny trano, hazon-drofia, ary voninkazo mamelana, ny ivelany sy ny anatin'ireo efitra. [30]Norakofan'i Solomona tamin'ny volamena ny gorodona, ny efitra ivelany sy ny anatiny.
[31]Namboarin'i Solomona tamin'ny hazon'ny oliva ireo varavarana fidirana mankao amin'ny efitra anatiny. Ny tolàna sy ny lelam-baravarana dia ampahadimin'ireo faritra natao. [32]Dia nanamboatra varavarana roa tamin'ny hazon'ny oliva izy, ary nampiany sary sokitry ny kerobima teo amin'izany, hazon-drofia, ary voninkazo mamelana. Norakofany tamin'ny volamena ireo ary naparitany volamena teo amin'ny kerobima ary hazon- drofia.
[33]Toy izany koa, namboarin'i Solomona tamin'ny hazo oliva ireo andrim-baravarana fidirana ao an-tempoly izay mizara efatra [34]ary ny varavarana roa dia hazo kypreso. Ireo kopaka roan'ny varavarana dia mivalona ary ireo kopaka roan'ny varavarana hafa dia mivalona. [35]Nasiany sary sokitra kerobima teo amin'izy ireo, hazon- drofia, ary voninkazo mivelatra, ary manisy volamena eo amin'ny asa-sokitra matetika izy.
[36]Namboariny tamin'ny vato voapaika andalana telo ny kianja tao anatiny ary andry sedera iray andalana.
[37]Ny fanorenana ny tranon'i Yaveh dia napetraka tamin'ny taona faha efatra, tamin'ny volan'ny Ziva. [38]Tamin'ny taona faha-iraika ambin'ny folo, tamin'ny volan'i Bola, izay volana fahavalo, dia vita tanteraka tamin'ny lafiny rehetra sy ny famaritana rehetra ny trano. Nandany fito taona i Solomona nanamboatra ny tempoly.

7 [1]Telo ambin'ny folo taona no nanaovan'i Solomona ny lapany. [2]Nanorina ny Lapa tamin'ny Alan'ny Libanona izy. Zato hakiho ny halavan'izany, dimampolo hakiho ny sakany, ary telopolo hakiho ny hahavony. Namboarina tamin'ny andalan'andry sedera efatra ny lapa niaraka tamin'ny andry sedera teo amin'ireo tsangam-bato.
[3]Notafoana tamin'ny sedera ilay trano izay napetraka teo amin'ireo andry. Ireo andry ireo dia notohanana tamin'ny tsangam-bato. [4]Nisy andry dimy amby efapolo teo, dimy ambin'ny folo amin'ny andalana iray. Nisy andry teo amin'ireo andalana telo, ary ny varavarankely tsirairay dia nifanandrify tamin'ny varavarankely telo hafa. [5]Ny varavarana sy ny varavarankely rehetra dia natao ho efa-joro niaraka tamin'ireo andry, ary ny varavarankely nifanandrify tamin'ny varavarankely telo hafa.
[6]Nisy andry maro nifanila izay dimampolo hakiho ny halavany ary telopolo hakiho ny sakany, miaraka amin'ny lavarangana eo anoloana sy andry ary tafo.
[7]Nanorina ny rindrin'ny seza fiandrianana izay hitsarana azy i Solomona, dia ny efitranon'ny fahamarinana. Norakofana tamin'ny sedera isaky ny rihana izany. [1]
[8]Ny tranon'i Solomona izay nonenany, tao amin'ny kianja hafa misy ny tanin-dapa, dia novolavolaina mitovy. Nanorina trano toy izany ho an'ny zanaka vavin'i Farao ihany koa izy, izay nalainy ho vady.
[9]Ireo trano ireo dia noravahana tamin'ny vato lafo vidy voapaika, voarefy tsara ary voatapaka tamin'ny tsofa ary natao nalama tamin'ny lafiny rehetra. Ireo vato ireo dia nampiasaina ho amin'ny fanorenana ireo vato eo an-tampony, sy tany ivelany ka hatramin'ny kianja lehibe ihany koa. [10]Ny fototra naorina tamin'ny vato lehibe, sy lafo vidy izay valo sy folo hakiho ny halavany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Teo ambony dia nisy vato lafo vidy voapaika izay voafaritra tsara amin'ny habeny, ary andry sedara. [12]Nisy andalana vato voatapaka telo sy tapaka andry sedara iray ny kianja lehibe izay nanodidina ny lapa toy ny kianja ao anatin'ny tempolin'i Yaveh ary ny tempolin'ny lavarangana.
[13]Nampaka an'i Hirama i Solomona mpanjaka ary nitondra azy avy any Tyro. [14]Hirama dia zanaky ny mpitondra tena iray tao amin'ny fokon'i Naftaly; olon'i Tyro ny rainy, izay mpanao asa-tanana amin'ny varahina. Feno fahendrena sy fahazavan-tsaina ary fahaizana mba hanao asa lehibe amin'ny varahina i Hirama. Nandeha nankany amin'i Solomona Mpanjaka izy mba hiasa amin'ny varahina ho an'ny mpanjaka.
[15]Namboatra ireo andry roa tamin'ny varahina i Hirama, valo ambin'ny folo hakiho ny hahavony ary roa ambin'ny folo hakiho ny manodidina ny tsirairay. [16]Nanao kapitaly roa tamin'ny varahina voakosoka izy mba hapetraka eo an-tampon'ireo andry. Dimy hakiho ny hahavon'ny kapitaly tsirairay. [17]Makarakara mitarehin-karato sy tanjomiolaka mitarehin-drojo ampiasaina ho an'ireo kapitaly no nandravaka ny tendron'ireo andry fito isaky ny kapitaly.
[18]Ka nanao andalana ampongamben-danitra roa nanodidina ny tendron'ny andry tsirairay i Hirama mba handravahana ireo kapitalin'izy ireo. [19]Ireo kapitaly teo an-tendron'ireo andrin'ny lavarangana dia noravahana tamin'ny lilia, efatra hakiho ny hahavony.
[20]Tao amin'ireo kapitaly tamin'ireo andry roa ireo koa dia nahitana, ampongamben-danitra roanjato mitandahatra manodidina ny tampon'izy rehetra. [21]Nanangana ireo andry tao an-davarangan'ny tempoly izy. Ilay andry teo ankavanana dia nantsoina hoe Jakina, ary ilay andry teo ankavia dia nantsoina hoe Boaza. [22]Teo an-tendron'ireo andry dia nisy ireo haingo toy ny lilia. Izany no fomba nandrafetana ireo andry.
[23]Nanao ny koveta tamin'ny vy i Hirama, folo hakiho isaky ny sisiny. Dimy hakiho ny hahavony, ary telopolo hakiho ny manodidina ny koveta. [24]Nisy tanatanamanga tao ambanin'ny sisiny nanodidina ny koveta, folo isaky ny hakiho, ary natambatra ho iray niaraka tamin'ny koveta raha ny koveta mihitsy no natao.
[25]Teo amin'ireo omby roa ambin'ny folo ilay koveta, telo nanatrika ny avaratra, telo nanatrika ny andrefana, telo nanatrika ny atsimo, ary telo nanatrika ny antsinanana. Napetraka teo amin'ny tampon'ireo ilay koveta, ary nifanila ny faritry ny vodin'izy rehetra. [26]Natevina tahaka ny sakan'ny tanana ilay koveta, ary ny sisin'izany dia naorina toy ny sisin'ny kaopy, toy ny famoan'ny lilia. Omby rano roa arivo bata ilay koveta.
[27]Nanao tongotra varahina folo i Hirama. Efatra hakiho ny halavan'ny tongotra tsirairay ary efatra hakiho ny velarany, ary telo hakiho ny hahavony. [28]Toy izany ny fanaovana ireo tongony. [29]Nisy takelaka teo anelanelan'ireo zana-kazo ireo, ary nisy liona, omby sy kerobima teo amin'ireo takelaka sy teo amin'ireo zanan-kazo. Teo ambony sy tao ambanin'ireo liona sy ireo omby dia nisy fehiloha voatefy tsara.
[30]Nisy kodia varahina efatra sy tanan-kodia ny tsanganany rehetra, ary nisy tohana tao ambanin'ny sisiny efatr'ilay koveta. Nasiana fehiloha ny sisin'ny tsirairain'ireo fanohanana. [31]Boribory toy ny faladia ny fisokafana, iray hakiho sy sasany ny sakany, ary tao anatin'ny satro-boninahitra izay iray hakiho ny halavany. Voasoratra teo amin'ny fisokafany, ary ny takelak'ireo dia efa-joro, fa tsy boribory.
[32]Tao ambanin'ny takelaka ireo kodia efatra, ary ny tanan-kodia sy ireo fitoerany dia tao amin'ny tsanganana. Ny hahavon'ny kodia iray dia iray hakiho sy sasany. [33]Ary natao toy ny kodian'ny kalesy ireo kodia. Ireo fitoerany, ireo sisiny, ireo tanamasoandrony, sy ireo ivony dia natao vy avokoa.
[34]Nisy sorony efatra tamin'ireo sisiny efatry ny tsanganan'ny tsirairay, natao tao amin'ny tsanganana ihany. [35]Teo an-tampon'ireo tsanganana dia nisy fehim-barika iray izay antsasaka hakiho ny halaliny, ary eo an-tampon'ilay tsanganana no namatorana ireo tohana sy ireo takelaka.
[36]Voasoratr'i Hirama kerobima, liona, sy hazo rofia ny velaran'ireo fanohanana sy ireo takelaka izay nandrakotra ireo toerana malalaka, ary voadidina fehiloha ireo. [37]Izany no fomba nanaovany an'ireo tsanganana folo. Natao tamin'ny lasitra mitovy avokoa izy rehetra, ary nanana habe, sy endrika mitovy.
[38]Nanao koveta varahina folo i Hirama. Ny koveta iray dia afaka mitahiry rano efapolo bata. Efatra hakiho ny sakan'ny koveta tsirairay avy ary nisy koveta iray isaky ny tsanganana folo. [39]Nanao tsanganana dimy teo amin'ny lafiny atsimon'ny tempoly izy ary dimy teo amin'ny lafiny avaratry ny tempoly. Nataony teo amin'ny sisiny antsinanana ny koveta, manatrika any atsimon'ny tempoly.
[40]Nanao ny koveta sy ny lapelina ary ny lovia famafazana i Hirama. Ka dia vitany ny asa rehetra izay nataony ho an'i Solomona Mpanjaka tao an-tempolin'i Yaveh: [41]ireo andry roa, sy ireo lovia-toy ireo kapitaly izay teo an-tampon'ireo andry roa, ary ireo haingon'arato roa makarakara mba hanaronana ny lovia roa toy ireo kapitaly izay teo an-tampon'ny ireo andry.
[42]Nanao ireo ampongaben-danitra efatra izy ho an'ireo haingon'arato roa voavitrana: andalan'ampongaben-danitra roa ho an'ny harato tsirairay mba hanaronana ny lovia roa-toy ireo kapitaly izay teo amin'ireo andry, [43]tsanganana folo, sy koveta folo teo amin'ireo tsanganana.
[44]Nataony tao ambanin'izany ny koveta sy ireo omby roa ambin'ny folo; [45]ireo tavy, ireo lapelina, ireo koveta be, ary ireo fitaovana hafa rehetra ihany koa. Nataon'i Hirama tamin'ny varahina voakosoka ireo, ho an'i Solomona Mpanjaka, ary ho an'ny tempolin'i Yaveh.
[46]Napetraky ny mpanjaka teny amin'ny tany lemak'i Jordana ireo, tao amin'ny tanimanga anelanelan'i Sokota sy Zaretana.
[47]Tsy nolanjain'i Solomona ireo fanaka rehetra satria betsaka loatra raha holanjaina, satria tsy afaka nolanjaina ny lanjan'ny varahina.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[48]Nanao ny fanaka rehetra izay tao an-tempolin'i Yaveh tamin'ny volamena i Solomona: dia ny alitara volamena sy latabatra izay nametrahana ny mofon'ny fanatrehana. [49]Ireo fanaovan-jiro, dimy eo amin'ny ilany ankavanana ary dimy eo ankavia, teo alohan'ny efitra anatiny, dia vita tamin'ny volamena madio, ary ireo voninkazo, ireo jiro, ary ireo lelany dia vita tamin'ny volamena madio.
[50]Ireo kapoaka, ireo antsy, ireo koveta, ireo sotro, sy ireo fandorana ditin-kazo manitra dia natao tamin'ny volamena madio avokoa. Ireo savilin'ireo varavarana ao amin'ny efitra anatiny ihany koa, izay toerana masina indrindra, sy ireo varavaran'ny efitra lehiben'ilay tempoly, dia natao tamin'ny volamena madio izy rehetra.
[51]Tamin'izany fomba izany, no nahavitana ireo asa rehetra izay nataon'i Solomona Mpanjaka ho an'ny tranon'i Yaveh. Koa nentin'i Solomona tao anatiny ireo zavatra natokan'i Davida, rainy, sy ireo volafotsy, volamena, sy ireo fanaka, ary napetrany tao amin'ny efitra fitahirizana tao amin'ny tranon'i Yaveh ireo.

---

[a]Fanamarihana: ny dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Norakofana tamin'ny sedera ny tany hatramin'ny vatan-kazo."

---

8 [1]Ary Solomona namory ireo loholon'Israely, ireo mpitariky ny foko rehetra, ary ireo lohan'ny fianakavian'ny vahoakan'Israely, teo anatrehany tao Jerosalema, mba hitondra ny fiaran'ny faneken'i Yaveh hiakatra avy any amin'ny tanànan'i Davida, izany hoe, i Ziona. [2]Nivory teo anatrehan'i Solomona Mpanjaka tao amin'ny lanonana avokoa ny olon'Israely rehetra, tamin'ny volana Etanima, izay volana fahafito.
[3]Tonga avokoa ireo loholon'Israely rehetra, ary nampiakarin'ireo mpisorona ny fiara. [4]Nentin'izy ireo niakatra ny fiaran'i Yaveh, ny trano lay fihaonana, ary ireo fanaka masina rehetra izay tao anaty lay. Nentin'ireo mpisorona sy ireo Levita niakatra avokoa ireo zavatra rehetra ireo. [5]Niara-nankeo anoloan'ny fiara avokoa i Solomona Mpanjaka sy ny fivondronan'Israely rehetra, nanao sorona ondry sy omby tsy tambo isaina.
[6]Nampidirin'ireo mpisorona teo amin'ny fitoerany ny fiaran'ny faneken'i Yaveh, tao amin'ny efitra anatin'ny trano, dia tao amin'ny toerana masina indrindra, ambany elatr'ireo Kerobima. [7]Fa namelatra ny elany teo amin'ny fitoeran'ny fiara ireo kerobima, ary nanarona ny fiara sy ny bao izay nilanjana azy izany. [8]Lava tokoa ireo bao hany ka hita avy eo amin'ny fitoerana masina teo anoloan'ny efitra anatiny ny tendrony, saingy tsy hita avy eny ivelany ireo. Ary mbola eo ireo mandrak'ankehitriny.
[9]Tsy nisy na inona na inona tao amin'ny fiara afa-tsy ireo vato fisaka roa izay napetrak'i Mosesy tany Horeba, fony Yaveh nanao fanekena tamin'ny olon'Israely rehefa nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta izy ireo. [10]Ary rehefa nivoaka avy tao amin'ny fitoerana masina ireo mpisorona, dia nameno ny tempolin'i Yaveh ny rahona. [11]Tsy afa-nitsangana hanompo ireo mpisorona nohon'ny rahona, fa nameno ny tranony ny voninahitr'i Yaveh.
[12]Dia hoy Solomona hoe: "Nambaran'i Yaveh fa honina ao anaty aizim-pito Izy, [13]kanefa nanorina trano tsara taraehy ho Anao aho, dia toerana honenanao mandrakizay."
[14]Dia nitodika ny mpanjaka ary nitso-drano ny fivondronan'Israely rehetra, raha teo am-pitsanganana ny fivondronan'Israely rehetra. [15]Hoy izy hoe: "Ho deraina anie Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, izay niteny tamin'i Davida raiko, ary nahatanteraka izany tamin'ny tanany ihany, nanao hoe: [16]"'Hatramin'ny nitondrako ny vahoakako nivoaka avy tao Egypta, dia tsy nifidy tanàna teo amin'ny fokon'Israely rehetra hanorenana trano Aho, mba hitoeran'ny anarako ao. Kanefa, nifidy an'i Davida mba hanapaka eo amin'ny Israely oloko Aho.'
[17]Ary tao am-pon'i Davida raiko ny hanorina trano ho an'ny anaran'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely. [18]Fa hoy i Yaveh tamin'i Davida raiko hoe: 'Fa nataonao tao am-ponao ny hanorina trano ho an'ny anarako, dia tsara ny nanaovanao izany tao am-ponao. [19]Na izany aza dia tsy hanorina ilay trano ianao; fa kosa, ny zanakao lahy, izay teraka avy amin'ny voanao, no hanorina ny trano ho an'ny anarako.'
[20]Notanterahin'i Yaveh ny teny izay nolazainy, fa nitsangana handimby ny toeran'i Davida raiko aho, ka mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'Israely, araka ny nampanantenain'i Yaveh. Naoriko ho an'ny anaran'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely ny trano. [21]Efa nanamboatra fitoerana ho an'ny fiara any aho, izay misy ny faneken'i Yaveh, izay nataony tamin'ireo razantsika fony nitondra azy ireo nivoaka avy tao amin'ny tany Egypta Izy."
[22]Nijoro teo anoloan'ny alitaran'i Yaveh i Solomona, teo anatrehan'ny fivondronan'Israely rehetra, ary namelatra ny tanany ho any amin'ny lanitra. [23]Hoy izy hoe: "Ry Yaveh, Andriamanitr'Israely o, tsy misy Andriamanitra tahaka Anao na any amin'ny lanitra ambony na ety an-tany ambany, izay mitàna ny tsy fivadiham-panekeny amin'ireo mpanomponao izay mandeha eo anatrehanao amin'ny fony manontolo; [24]Ianao izay nitàna ny fampanantenanao tamin'i Davida raiko mpanomponao. Eny, niteny tamin'ny vavanao Ianao ary notanterahinao tamin'ny tananao izany, tahaka ny androany.
[25]Ankehitriny ary, ry Yaveh, Andriamanitr'Israely, tanteraho izay nampanantenainao tamin'i Davida raiko mpanomponao, rehefa niteny Ianao hoe: 'Tsy ho foana aminao ny hanana olona hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'Israely eo imasoko, raha mitandrina ny handeha eo anatrehako ny taranakao, tahaka ny nandehananao teo anatrehako.'
[26]Ankehitriny ary, ry Andriamanitr'Israely, mivavaka aho mba ho tanteraka ny fampanantenana nataonao tamin'i Davida raiko mpanomponao.
[27]Fa tena honina ety an-tany tokoa ve Andriamanitra? Indro, iza tontolo izao sy ny lanitra aza tsy omby Anao—mainka fa ity tempoly izay naoriko ity! [28]Kanefa mba henoy re ity vavaky ny mpanomponao sy ny fangatahany ity, ry Yaveh Andriamanitro; mihainoa ny antso sy ny vavaka ataon'ny mpanomponao eto anatrehanao anio.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[29]Enga anie ka hisokatra amin'ity tempoly ity andro aman'alina ny masonao, eo amin'ny toerana izay nilazanao hoe: "Ho ao ny anarako sy ny fanatrehako.'—mba hihainoana ny vavaka hataon'ny mpanomponao izay manatrika ity toerana ity.
[30]Koa mihainoa ny fangatahan'ny mpanomponao sy ny Israely olonao rehefa mivavaka manatrika ity toerana ity izahay. Eny, mihainoa avy any amin'ny toerana honenanao, avy any an-danitra; ary rehefa mihaino Ianao, dia mba mamelà.
[31]Raha manota amin'ny namany ny olona iray ka tsy maintsy hampanaovina fianianana, ary raha tonga ka manao fianianana eo anatrehan'ny alitaranao ato amin'ity trano ity izy, [32]dia mihainoa avy any an-danitra ka miasà; tsarao ireo mpanomponao, mba hanameloka ny meloka ary hampanody izay nataony ho eo amin'ny lohany ihany, ary hanambara ny marina mba ho tsy manan-tsiny, sy hamaly soa azy nohon'ny fahamarinany.
[33]Rehefa resin'ny fahavalo ny Israely olonao satria nanota taminao, ka raha miverina aminao izy ireo, manaiky ny anaranao, mivavaka, ary mangataka famelana avy aminao ato amin'ity tempoly ity— [34]dia mihainoa any an-danitra re ary mamelà ny fahotan'ny Israely olonao; ento miverina any amin'ny tany izay nomenao ny razany izy ireo.
[35]Raha mihidy ny lanitra ka tsy misy orana satria nanota taminao ny vahoaka—raha mivavaka manatrika ity toerana ity izy ireo, manaiky ny anaranao, ary miala amin'ny fahotany rehefa avy nampahorianao— [36]dia mihainoa any an-danitra ary mamelà ny fahotan'ny mpanomponao sy ny Israely olonao, rehefa mampianatra azy ireo ny lalana tsara izay tokony halehany Ianao. Mandatsaha orana eo amin'ny taninao, izany nomenao ho lovan'ny olonao.
[37]Raha atao hoe misy mosary eo amin'ny tany, na atao hoe misy areti-mandringana, fahamainan'ny vary na maty fotsy, valala na sompanga; na atao hoe misy fahavalo manafika ny vavahadin'ny tanàna ao amin'ny tanin'izy ireo, na misy loza na aretina— [38]ary raha atao indray hoe misy vavaka sy fangatahana nataon'ny olona iray na ny Israely vahoakanao manontolo— izay samy mahalala ny loza any am-pony avy raha mamelatra ny tanany ho amin'ity tempoly ity izy.
[39]Dia mihainoa any an-danitra, ilay toerana honenanao, mamelà ary miasà, ary valio soa ny olona rehetra noho izay ataony; Ianao mahalala ny fony, fa Ianao dia Ianao ihany no mahalala ny fon'ny olombelona rehetra. [40]Ataovy izany mba hahatahoran'izy ireo Anao amin'ny andro rehetra hiainan'izy ireo eo amin'ny tany izay nomenao ny razanay.
[41]Fanampin'izany, mahakasika ireo vahiny izay tsy anisan'ny Israely vahoakanao: raha tonga avy any amin'ny firenen-davitra izy nohon'ny Anaranao— [42]fa handre momba ny anaranao lehibe, ny tananao mahery, ary ny sandrinao misandratra izy ireo— rehefa tonga sy mivavaka manatrika ity tempoly ity izy ireo, [43]dia mihainoa re any an-danitra, izay toerana honenanao, ary ataovy izay rehetra angatahin'ilay vahiny aminao. Ataovy izany mba hahafantaran'ny vondron'olona rehetra eto an-tany ny anaranao ka hahatahoran'izy ireo Anao, araka ny ataon'Israely olonao manokana. Ataovy izany mba hahafantaran'izy ireo fa ity trano izay naoriko ity dia antsoina amin'ny anaranao.
[44]Raha atao hoe mandeha mivoaka hiady amin'ny fahavalo ny olonao, na inona na inona fomba nandefasanao azy ireo, ary raha mivavaka aminao, Yaveh, manatrika ny tanàna izay voafidinao izy ireo, ary manatrika ny trano izay naoriko ho an'ny anaranao. [45]Dia mihainoa ny vavaka sy ny fangatahan'izy ireo any an-danitra, ary omeo rariny izy.
[46]Raha atao hoe manota aminao izy ireo, satria tsy misy olona tsy manota, ary raha atao hoe tezitra amin'izy ireo Ianao ka manolotra azy ireo ho eo amin'ny fahavalo, ka alain'ny fahavalo ho babo ho any amin'ny taniny izy ireo, na lavitra na akaiky. [47]Ary raha atao hoe tsaroan'izy ireo fa any amin'ny tany izay nanaovana sesin-tany azy izy ireo, ary raha atao hoe mibebaka izy ireo ka mitady sitraka aminao any amin'ny tanin'ireo nambabo azy ireo. Raha miteny izy ireo hoe: 'Nanao zavatra tsy nety izahay ary nanota. Ratsy fitondran-tena izahay.'
[48]Ka miverina aminao amin'ny fony manontolo sy ny fanahiny manontolo any amin'ny tanin'ireo fahavalony izay nambabo azy izy ireo, ary raha atao hoe mivavaka aminao manandrify ny taniny, izay nomenao ny razan'izy ireo, ary manandrify ny tanàna izay nofidinao izy ireo, ary manandrify ny trano izay naoriko ho an'ny anaranao.
[49]Dia mihainoa ny vavak'izy ireo sy ny fangatahan'izy ireo famonjena, any an-danitra, izay toerana honenanao, ary hanamarina ny raharaha ho azy ireo Ianao. [50]Mamelà ny olonao, izay nanota taminao, sy ny fahotany rehetra izay nandikany ny didinao. Mihantrà azy ireo manoloana ny fahavalony izay nitondra azy ho babo, mba hiantran'ny fahavalon'izy ireo ny vahoakanao ihany koa.
[51]Vahoakanao izay nofidianao izy ireo, izay navotanao avy tany Egypta toy ny avy tao amin'ny fatana fandrendreham-by.
[52]Mivavaka aho mba hisokatra amin'ny fangatahan'ny mpanomponao sy ny fangatahan'ny Israely olonao ny masonao, mba hihaino azy ireo na oviana na oviana hiantsoany Anao. [53]Fa navahanao teo amin'ireo vahoakan'ny tany rehetra izy ireo mba ho Anao ary handray ireo fampanantenanao, araka ny nazavainao tamin'ny alalan'i Mosesy mpanomponao, fony nitondra ny razanay nivoaka an'i Egypta Ianao, ry Tompo Yaveh."
[54]Koa rehefa avy nanao izany vavaka sy fangatahana rehetra izany tamin'i Yaveh i Solomona, dia nitsangana avy teo anoloan'ny alitaran'i Yaveh izy, rehefa avy nandohalika sy namelatra ny tanany nanatrika ny lanitra. [55]Nitsangana izy ary nitso-drano ny fivondronan'Israely rehetra tamin'ny feo mafy, nanao hoe: [56]"'Deraina anie Yaveh, ilay nanome fitsaharana ho an'Israely olony, tamin'ny fitanany ny fampanantenany rehetra. Tsy nisy teny latsaka avy tamin'ny fampanantenana soan'i Yaveh izay nataony tamin'i Mosesy mpanompony.
[57]Homba antsika anie Yaveh Andriamanintsika, tahaka ny nombàny an'ireo razantsika. [58]Tsy handao antsika anie Izy na hahafoy antsika, mba hampitongilaniny ho Aminy ny fontsika, mba hiaina amin'ny lalany rehetra sy hitandrina ireo didy aman-dalàny ary ireo fitsipiny, izay nandidiany an'ireo razantsika.
[59]Aoka ireo teny izay nambarako, izay nangatahiko teo anatrehan'i Yaveh, ho akaikin'i Yaveh Andriamanitsika andro aman'alina, mba hanomezany rariny ny mpanompony sy ny Israely olony, araka izay ilaina isan'andro; [60]mba ho fantatry

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ny firenena rehetra eto an-tany fa i Yaveh, no Andriamanitra, ary tsy misy Andriamanitra hafa! [61]Koa aoka ho marina amin'i Yaveh Andriamanitsika ny fonareo, mba handeha eo amin'ny lalàny ary hitandrina ireo didiny, tahaka ny anio."
[62]Koa dia nanolotra sorona ho an'i Yaveh ny mpanjaka sy ireo Israely rehetra niaraka taminy. [63]Nanolotra sorona fanati-pihavanana i Solomona, izay nataony ho an'i Yaveh: omby roa arivo sy roa alina ary ondry 120. 000. Koa dia notokanan'ny mpanjaka sy ireo vahoakan'Israely rehetra ny tranon'i Yaveh.
[64]Ny andron'io ihany dia natokan'ny mpanjaka ny afovoan'ny kianja teo anoloan'ny tempolin'i Yaveh, fa teo no nanolorany ny fanatitra dorana, ny fanatitra vary, ary ny tavin'ny fanati-pihavanana, satria kely loatra raha handraisana ny fanatitra dorana, ny fanatitra hohanina, ary ny tavin'ireo fanati-pihavanana ny alitara varahina izay teo anatrehan'i Yaveh.
[65]Koa nataon'i Solomona, mbamin'ireo Israely rehetra niaraka taminy, izay fivondronam-be, hatrany Lebo-hamata ka hatrany amin'ny lohasahan-driakan'i Egypta, teo anatrehan'i Yaveh Andriamanitsika nandritra ny fito andro ary nandritra ny fito andro hafa koa, izay mira efatra ambin'ny folo andro ny lanonana tamin'izany fotoana izany. [66]Ary tamin'ny andro fahavalo dia nampody ireo vahoaka izy, ary nitso-drano ny mpanjaka izy ireo ka nody tany an-tranony tamin'ny fo ravoravo sy falifaly nohon'ny amin'ny fahatsarana rehetra nasehon'i Yaveh tamin'i Davida mpanompony, ary tamin'Israely olony.

9 [1]Rehefa vitan'i Solomona ny fananganana ny tranon'i Yaveh sy ny lapan'ny mpanjaka, ary rehefa nahatanteraka izay rehetra niriany ho vita izy, [2]dia niseho fanindroany tamin'i Solomona i Yaveh, tahaka ny nisehoany taminy tao Gibeona.
[3]Ary hoy Yaveh taminy hoe: "Efa reko ny vavakao sy ny fangatahanao izay nataonao teo anatrehako. Efa natokako ho Ahy, ity trano izay natsanganao ity, mba hametrahako ny anarako ho ao mandrakizay. Ny masoko sy ny foko dia ho eo foana amin'ny fotoana rehetra.
[4]Ary ianao, raha handeha eo anatrehako tahaka ny nandehan'i Davida rainao tamin'ny fahitsim-po sy tamin'ny fahamarinana, hankato izay nandidiako anao rehetra ary hitandrina ireo lalàko sy ireo didiko, [5]dia hametraka ny sezan'ny fiandrianan'ny fanjakanao eo amin'ny Israely mandrakizay aho, tahaka ny nampanantenaiko tamin'i Davida rainao, hoe: 'Ny taranakao dia tsy hiala eo amin'ny seza fiandrian'Israely mihitsy.'
[6]Fa raha mivily ianao, ianao na ireo zanakao, ka tsy mitandrina ireo didiko sy ireo lalàko izay napetrako eo anatrehanao, ary raha mandeha ka manompo andriamani-kafa ary miankohoka eo amin'izy ireo ianao, [7]dia ho esoriko amin'ny tany izay nomeko azy ireo Israely; ary ity trano izay efa natokako ho an'ny anarako ity, dia ho esoriko tsy ho hitan'ny masoko, ary Israely dia ho tonga tahaka ny zavatra faneso sy hihomehezana eo amin'ireo vahoaka rehetra.
[8]Ho rava ho antontam-bato ity tempoly ity, ary izay rehetra mandalo eo amin'izany dia ho gaga ka hisiotsioka. Hanontany izy ireo hoe: 'Nahoana i Yaveh no nanao izao tamin'ity tany sy trano ity?' [9]Ny hafa hamaly hoe: 'Satria nahafoy an'i Yaveh Andriamaniny izy ireo, izay nitondra ny razam-ben'izy ireo nivoaka ny tany Egypta, ary nifikitra tamin'ireo andriamani-kafa ka niankohoka ary nanompo azy ireo. Izany no antony nitondran'i Yaveh izany loza rehetra izany tamin'izy ireo.'"
[10]Rehefa tapitra ny roapolo taona izay nahavitan'i Solomona ny fananganana ireo trano lehibe roa, ny tempolin'Yaveh sy ny lapan'ny mpanjaka. [11]Ary Hirama mpanjakan'i Tyra, dia namatsy hazo sedera sy kypreso, ary volamena an'i Solomona-izay rehetra nirian'i Solomona_ ka dia nomen'i Solomona Mpanjaka tanàna roapolo tao amin'ny tanin'i Galilia i Hirama.
[12]Nivoaka avy tao Tyro i Hirama mba hijery ireo tanàna izay nomen'i Solomona azy, kanefa tsy nahafaly azy izany. [13]Ary hoy i Hirama: "Fa tanàna inona ireto omenao ahy ireto, ry rahalahiko?" Nantsoin'i Hirama hoe Tany Kobola ireo, izay mbola hiantsoana azy ireo hatrany mandraka androany. [14]Nampanatitra talenta volamena 120 ho an'ny mpanjaka i Hirama.
[15]Izao manaraka izao no anton'ny fitakiana amin'ny asa izay napetrak'i Solomona Mpanjaka: mba hananganana ny tempolin'Yaveh sy ny lapany, mba hananganana an'i Milo sy ny rindrin'i Jerosalema, ary ny mba hananganana ny manda fiarovan'i Hazora, Megido, ary Gazera. [16]Niakatra ary naka an'i Gazera i Farao mpanjakan'i Egypta. Nodorany izany ary novonoiny ireo Kananita tao an-tanàna. Ary dia nomen'i Farao an'ny zanany vavy, vadin'i Solomona, ho fanomezana ho an'ny fampiakaram-bady ny tanàna.
[17]Ka dia naverin'i Solomona natsangana i Gazera sy Beti-horona Ambany, [18]Baleta sy Tadmora any an'efitra any amin'ny tany Joda, [19]sy ireo tanàna fitehirizana rehetra izay nananany, sy ireo tanànan'ireo kalesiny ary ireo tanànan'ny mpitaingin-tsoavaliny, ary izay rehetra niriany ho atsangana ho fahafinaretany tao Jerosalema, tao Libanona, ary tamin'ny tany rehetra eo ambanin'ny fifehezany.
[20]Ary ireo vahoaka rehetra sisa tavela tamin'ireo Amorita, Hitita, Perizita, Hivita, ary Jebosita, izay tsy vahoakan'ny Israely, [21]ireo taranak'izy ireo izay tavela niaraka tamin'izy ireo tao amin'ny tany, izay tsy vitan'ny olon'Israely ny nandrava azy tanteraka_ nataon'i Solomona mpiasa an-terivozona izy ireo, mandraka androan.
[22]Na dia izany aza, dia tsy nataon'i Solomona mpiasa an-terivozona ireo vahoakan'ny Israely. Fa kosa, lasa miaramilany sy mpanompony, manam-pahefany, sy manam-boninahiny ary mpifehy ireo kalesiny ary mpitaingin-tsoavaliny izy ireo.
[23]Ireto ihany koa ireo lehiben'ny manam-pahefany misahana ireo mpanara-maso izay teo amin'ny asan'i Solomona, 550 tamin'izy ireo, izay nanara-maso ny vahoaka izay niasa.

[24]Nifindra avy tao amin'ny tananàn'i Davida mba ho any amin'ny trano izay natsangan'i Solomona ho azy ny zanaka vavin'i Farao. Taty aoriana, dia nanangana an'i Milo i Solomona.
[25]Manolotra fanatitra dorana sy fanati-pihavanana in-telo isan-taona eo ambonin'ny alitara izay naoriny ho an'i Yaveh i Solomona, mandoro ditin-kazo manitra miaraka amin'ireo eo ambony alitara izay eo anatrehan'i Yaveh. Ka vitany ny tempoly ary ampiasainy izany ankehitriny.
[26]Nanamboatra andian-tsambo tao Ezion-gebera i Solomona Mpanjaka, izay akaikin' Elota, teo amoron'ny Ranomasina Mena, tao amin'ny tany Edoma. [27]Nandefa mpanompo ho an'ny andian-tsambon'i Solomona i Hirama, tantsambo izay nahay ny ranomasina, niaraka tamin'ireo mpanompon'i Solomona. [28]Nandeha tany Ofira niaraka tamin'ireo mpanompon'i Solomona izy ireo. Avy any no nitondran'izy ireo talenta volamena 420 ho an'i Solomona Mpanjaka.

10 [1]Rehefa nandre ny lazan'i Solomona momba ny anaran'i Yaveh ny mpanjakavin'i Sheba, dia tonga hitsapa azy amin'ny fanontaniana sarotra izy. [2]Tonga tany Jerosalema niaraka tamina rodobe lava dia lava, nisy rameva nitondra zava-manitra, volamena be dia be, ary vato sarobidy maro izy. Nony tonga izy, dia nambarany tamin'i Solomona avokoa izay tao am-pony rehetra.
[3]Novalian'i Solomona ny fanontaniany rehetra. Tsy nisy tsy voavalin'ny mpanjaka ny fanontaniany. [4]Rehefa nahita ny fahendren'i Solomona rehetra ny mpanjakavavin'i Sheba, ny lapa izay naoriny, [5]ny sakafo teo an-databany, ny sezan'ny mpanompony, ny asan'ireo mpanompony sy ny fitafian'izy ireo, ary ny mpitondra ny kapoakany ihany koa, sy ny fomba nanolorany fanatitra dorana tao an-tranon'i Yaveh, dia talanjona tokoa izy.
[6]Hoy izy tamin'ny mpanjaka: "Marina tokoa, ilay tatitra izay reko tany amin'ny taniko momba ny teninao sy ny fahendrenao. [7]Tsy nino aho raha tsy tonga tety, ary nahita maso izany aho ankehitriny. Tsy ampy antsasany amin'ny fahendrena sy harenanao no voatantara tamiko! Nihoatra izay reko ny lazanao.
[8]Sambatra ery ireo vadinao, ary sambatra ihany koa ireo mpanomponao izay mijanona manoloana anao foana, satria mandre ny fahendrenao izy ireo. [9]Hoderaina anie i Yaveh Andriamanitrao, izay mahita sitraka aminao, sy nametraka anao teo amin'ny seza fiandrianan'i Israely. Satria tian'i Yaveh mandrakizay Israely, nataony mpanjaka ianao, mba hanaovanao ny rariny sy ny fahamarinana!"
[10]Nomeny talenta volamena 120 ary zava-manitra maro sy vato sarobidy ny mpanjaka. Tsy nisy nanome zava-manitra betsaka toy ireo izay nomen'i mpanjakavavin'ny Sheba an'i Solomona Mpanjaka intsony.
[11]Ary ny andian-tsambon'i Hirama, izay nitondra volamena avy tany Ofira, nitondra hazo almoga sy vato sarobidy maro ihany koa. [12]Nataon'ny mpanjaka tsangam-bato ho an'ny tranon'i Yaveh sy ny lapan'ny mpanjaka, ary lokanga sy valiha ho an'ireo mpihira ny hazo almoga. Tsy nisy hazo almoga betsaka toy izany tonga na hita intsony mandraka androany.
[13]Nomen'i Solomona Mpanjaka izay rehetra niriany ny mpanjakavavin'i Sheba, na inona na inona nangatahany, miampy an'izay fanomen'i Solomona azy amin'ny fanomen'i mpanjaka. Ka dia niverina tamin'ny taniny niaraka tamin'ireo mpanompony izy.
[14]Ary ny volamena tonga tao amin'i Solomona tao anatin'ny herintaona dia talenta volamena milanja 666, [15]afa-tsy ny volamena nentin'ireo mpanakalo sy mpivarotra. Ireo mpanjaka rehetra tany Arabia sy ireo governora tao amin'ny firenena ihany koa dia nitondra volamena sy volafotsy tany amin'i Solomona.
[16]Nanao ampinga lehibe roanjato vita tamin'ny volamena voatefy i Solomona Mpanjaka. Sekely volamena eninjato no nanaovana ny iray tamin'izany. [17]Nanao ampinga telonjato vita tamin'ny volamena voatefy ihany koa izy. Ka volamena telo mane no nanaovana ny iray tamin'ny ampinga; napetraky ny mpanjaka tao amin'ny lapan'ny Alan'i Libanona ireo.
[18]Ary nanao seza fiandrianana ivory lehibe ny mpanjaka ary nofonosiny tamin'ny volamena faran'izay manify izany.
[19]Nisy antanan-tohatra enina nankeo amin'ny seza fiandrianana, ary boribory ny fiankinany. Nisy fametrahan-tanana isaky ny sisin'ny seza, ary liona roa mitsangana eo akaikiny. [20]Liona roa ambin'ny folo no nitsangana teo amin'ireo antanan-tohatra, iray isaky ny sisin'ny antanan-tohatra enina. Tsy nisy seza fiandrianana tahaka izany teo amin'ny firenena hafa rehetra.
[21]Ny kapoaka fisotroan'i Solomona Mpanjaka rehetra dia vita tamin'ny volamena avokoa, ary ny kaopy fisotroana tao amin'ny Lapan'ny Alan'i Libanona dia vita tamin'ny volamena tsy misy fangarony avokoa. Tsy nisy volafotsy ireo, satria tsy noraisina ho sarobidy izany tamin'ny andron'i Solomona. [22]Nanana andian-tsambo mpitety ranomasina ny mpanjaka, niaraka tamin'ny andian-tsambon'i Hirama. Indray mandeha anatin'ny telo taona no nitondra volamena, volafotsy, ary ivory ireo andian-tsambo, ary rajako sy gidro ihany koa.
[23]Nihoatra tamin-karena sy tamin'ny fahendrena noho ny an'ireo mpanjaka rehetra teto an-tany ny an'i Solomona Mpanjaka. [24]Nitady ny hifanatrika tamin'i Solomona ny tany iray manontolo mba handre ny fahendreny, izay napetrak'Andriamanitra tao am-pony. [25]Nitondra fanomezana ireo izay namangy, fanaka volafotsy sy volamena, ary akanjo, akanjo fiarovana, ary zava-manitra, soavaly sy ampondra ihany koa, isan-taona isan-taona
[26]Nanangona kalesy sy mpitaingin-tsoavaly i Solomona. Nanana kalesy 1. 400 sy mpitaingin-tsoavaly roa arivo sy iray alina izy izay najanony tao amin'ny tanàna fitoeran'ny kalesy sy niaraka taminy tany Jerosalema. [27]Nanana volafotsy tao Jerosalema ny mpanjaka, maro toy ny vato teo amin'ny tany izany. Nataony betsaka toy ny hazo aviavy teny amin'ny tany lemaka ny hazo sedera.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[28]Nanana soavaly izay novidiana tany Egypta sy Silisia i Solomona. Novidian'ny mpivarotry ny mpanjaka isan'andiany izy ireo, ary samy nanana ny vidiny avy ny andiany iray. [29]Ny kalesy dia tany ivelan'i Egypta no novidiana ary sekely volafotsy eninjato ny iray, ary soavaly 150 sekely ny iray. Maro tamin'ireo no namidy tamin'ny mpanjakan'ny Hetita sy ny mpanjakan'ny Syriana rehetra.

1Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Sambatra ery ireo olonao." Kanefa, misy dika taloha manan-danja koa manana ny hoe: "Sambatra ery ireo vadinao." Maro ireo mihevitra fa ny teny hoe: "vehivavy" dia diso famaky ka lasa hoe: "lehilahy", satria ny teny Hebreo dia nitovitovy dika.

---

11 [1]Ary i Solomona Mpanjaka dia nitia vehivavy vahiny maro: ilay zanaka vavin'i Farao sy ireo vehivavin'i Moabita, Amonita, Edomita, Sidoniana, ary ireo Hetita- [2]ireo firenena voakasik'izay nolazain'i Yaveh tamin'ireo vahoakan'i Israely hoe: "Tsy handeha eo amin'izy ireo ianao mba hanambady, na izy ireo ho eo aminao, satria izy ireo dia hampitodika ny fonao amin'ireo andriamanitr'izy ireo tokoa." Kanefa i Solomona tia an'ireo vehivavy ireo.
[3]Nanana vady andriambavy fitonjato sy vaditsindrano telonjato i Solomona. Nampitodika ny fony ireo vehivavy ireo. [4]Fa rehefa niha-antitra i Solomona, dia nampitodika ny fony tamin'ireo andriamani-kafa ireo vadiny; fa tsy tena nanankim-po tanteraka tamin'i Yaveh Andriamaniny izy, tahaka ny fon'i Davida rainy.
[5]Fa i Solomona dia nanaraka an'i Astarta, ilay andriamani-bavin'ireo Sidoniana, ary nanaraka an'i Milkoma izy, ilay sampy vetavetan'ireo Amonita. [6]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh i Solomona; tsy nanaraka tanteraka an'i Yaveh izy, tahaka nataon'i Davida rainy.
[7]Ary nanangana toerana avo ho an'i Kemosy i Solomona, ilay sampy vetavetan'i Moaba, teo amin'ny havoana antsinanan'i Jerosalema, ary ho an'i Moloka ihany koa, ilay sampy vetavetan'ny vahoakan'i Amona. [8]Nanangana toerana avo ihany koa izy ho an'ireo vehivavy vahininy rehetra, izay nandoro ditin-kazo manitra sy nanao sorona ho an'ireo andriamanitr'izy ireo tamin'ireo.
[9]Tezitra tamin'i Solomona i Yaveh, nohon'ny nivilin'ny fony niala taminy, ilay Andriamanitr'i Israely, na dia niseho indroa taminy aza Izy [10]ary nandidy azy momba io zavatra io mihitsy, fa tsy tokony hanaraka ireo andriamani-kafa izy. Fa i Solomona dia tsy nankato izay didin'i Yaveh.
[11]Noho izany dia hoy i Yaveh tamin'i Solomona: "Satria nanao izany ianao ary tsy nitàna ny fanekem-pihavanana sy ireo lalàko izay nandidiako anao, dia ho alako aminao tokoa ny fanjakana ary homeko ny mpanomponao. [12]Kanefa, nohon'ny amin'i Davida rainao, dia tsy hanao izany amin'ny androm-piainanao rehetra aho, fa hanala izany amin'ny tanan'ny zanakao. [13]Tsy mbola hanala ny fanjakana rehetra aminao aho; fa hanome foko iray ho an'ny zanakao nohon'ny amin'i Davida, sy nohon'ny amin'i Jerosalema, izay nofidiko."
[14]Dia nanangana fahavalo iray ho an'i Solomona i Yaveh, dia i Hadada ilay Edomita. Avy amin'ny fianakavian'andrian'i Edoma izy. [15]Rehefa tao Edoma i Davida, dia niakatra mba handevina ny maty i Joaba ilay lehiben'ny tafika, ny olon-drehetra izay voavono tao Edoma. [16]Nitoetra tao nandritra ny enim-bolana i Joaba sy Israely rehetra mandra-pahavoavono ny lehilahy rehetra tao Edoma. [17]Fa i Hadada dia nalain'ireo mpanompon'ny rainy tao Egypta niaraka tamin'ireo Edomita hafa, satria i Hadada dia mbola zazalahy kely.
[18]Niala tao Midiana izy ireo ary tonga tao Parana, izay nakan'izy ireo olona miaraka aminy ho any Egypta, ho any amin'i Farao mpanjakan'i Egypta, izay nanome trano sy tany ary sakafo ho azy. [19]Nahita sitraka lehibe teo imason'i Farao i Hadada, ka nomen'i Farao vady izy, dia ny rahavavim-badiny, ilay rahavavin'i Tapanesa mpanjakavavy.
[20]Niteraka zazalahy tamin'i Hadada ilay rahavavin'i Tapanesa. Nomen'izy ireo ny anarana hoe Genobata izy. Natsangan'i Tapanesa tao amin'ny lapan'i Farao izy. Ka nipetraka tao amin'ny lapan'i Farao teo amin'ireo zanak'i Farao i Genobata.
[21]Raha mbola tao Egypta izy, dia nandre i Hadada fa nodimandry any amin'ireo razany i Davida ary i Joaba ilay kapitenin'ny miaramila dia maty, hoy i Hadada tamin'i Farao: "Avelao aho handeha, mba ho afaka ho any amin'ny fireneko." [22]Dia hoy i Farao taminy: "Fa inona no tsy ampy anao eto amiko, no mitady ho any amin'ny firenenao ianao ankehitriny?" Dia namaly i Hadada hoe: "Tsy misy. Mba avelao handeha re aho."
[23]Nanangam-pahavalo hafa ho an'i Solomona ihany koa Andriamanitra, dia i Rezona zanak'i Eliada, izay nandositra an'i Hadadezera mpanjakan'i Zoba tompony. [24]Nanangona olona ho azy i Rezona ka lasa kapitenina tafika kely izy, rehefa nandresy ny olon'i Zoba i Davida. Ireo lehilahin'i Rezona dia nankany Damaskosy ary nipetraka tany, ka nofehezin'i Rezona i Damaskosy. [25]Fahavalon'i Israely izy nandritra ny andron'i Solomona rehetra, niaraka tamin'ny korontana izay nataon'i Hadada. Nankahala an'i Israely i Rezona ary nanjaka teo amin'i Arama.
[26]Ary i Jeroboama zanak'i Nebata, Efraimita avy any Zareda, manam-pahefan'i Solomona, izay Zeroa no anaran-dreniny, mpitondratena iray, dia nanainga ny tanany tamin'ny mpanjaka ihany koa. [27]Ny antony nananganany ny tanany tamin'ny mpanjaka dia satria nanorina toerana tao Milo sy nanampina ny lavaka tamin'ny rindrin'ny tanànan'i Davida rainy i Solomona.
[28]Jeroboama dia lehilahy iray mahery. Hitan'i Solomona fa zatovolahy miasa izy, ka nomeny alalana nibaiko ireo asa rehetra tao amin'ny tranon'i Josefa. [29]Tamin'izany fotoana izany, rehefa nivoaka an'i Jerosalema i Jeroboama, dia nahita azy teny amin'ny lalana i Ahia Silonita mpaminany. Ary niakanjo vaovao i Ahia ary izy roalahy dia irery tao an-tsaha.
[30]Ary nanala ny akanjo vaovao izay teny aminy i Ahia ka nizarazara izany ho roa ambinifolo.
[31]Hoy izy tamin'i Jeroboama: "Makà tapatapany folo, fa i Yaveh, ilay Andriamanitr'i Israely, niteny hoe: "Indro, hanala ny fanjakana eo amin'ny tanan'i Solomona Aho ka hanome foko folo ho anao [32](fa i Solomona dia hanana foko iray, nohon'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

amin'i Davida sy nohon'ny amin'i Jerosalema- ilay tanàna izay nofidiko tamin'ireo fokon'i Israely rehetra), [33]satria nahafoy Ahy izy ireo ary nanompo an'i Astarta ilay andriamani-bavin'ireo Sidoniana, Kemosy ilay andriamanitr'i Moaba, ary Moloka ilay andriamanitry ny vahoakan'i Amona. Tsy nandeha tamin'ny lalako izy ireo, mba hanao izay marina eo imasoko, sy hitandrina ireo lalàko sy ireo didiko, tahaka ny nataon'i Davida rainy.
[34]Kanefa, tsy haka ny fanjakana iray manontolo amin'ny tanan'i Solomona Aho. Fa kosa, nanao azy ho mpanapaka amin'ny andro rehetra hiainany, nohon'ny amin'i Davida mpanompoko izay nofidiko, ilay iray izay nitandrina ireo didiko sy ireo lalàko. [35]Fa haka ny fanjakana eo an-tanan'ny zanany Aho ka hanome izany anao, dia ireo foko folo. [36]Hanome foko iray ho an'ny zanak'i Solomona Aho, mba hanana fanilo mandrakariva eo anatrehako ao Jerosalema i Davida mpanompoko, tanàna izay nofidiko mba hasiana ny Anarako.
[37]Haka anao Aho, ka hanapaka ianao mba hanatanteraka izay rehetra irinao, dia ho mpanjaka eo amin'i Israely ianao.
[38]Raha mihaino izay handidiko anao rehetra ianao, ary raha mandeha amin'ireo lalako sy manao izay marina eo imasoko, mba hitandrina ireo lalàko sy ireo didiko, tahaka ny nataon'i Davida mpanompoko, dia hiaraka aminao Aho ary hanangana trano azo antoka ho anao, tahaka ny nananganako ho an'i Davida, ary hanome anao an'i Israely Aho.
[39]Hanasazy ireo taranak'i Davida Aho, fa tsy ho mandrakizay.'"
[40]Ka nikasa ny hamono an'i Jeroboama i Solomona. Fa i Jeroboama niakatra ary nandositra tany Egypta, tany amin'i Sisaka mpanjakan'i Egypta, dia nijanona tao Egypta izy mandra-pahafatin'i Solomona.
[41]Raha ny amin'ny raharaha hafa mikasika an'i Solomona, izay rehetra nataony sy ny fahendreny, moa ve tsy voasoratra ao amin'ny bokin'ireo tantara momba an'i Solomona ireo? [42]Nanjaka tao Jerosalema tamin'ireo Israely rehetra i Solomona nandritra ny efapolo taona. [43]Nodimandry tany amin'ireo razambeny izy ary nalevina tao amin'ny tanàn'i Davida rainy. Dia lasa mpanjaka taoriany i Rehoboama zanany lahy.

12 [1]Dia nankany Sekema i Rehoboama, satria ny Israely rehetra no tonga tao Sekema mba hanao azy ho mpanjaka.
[2]Nandre izany Jeroboama zanaka lahin'i Nebata (fa izy mbola tany Egypta, tany amin'izay nitsoahany ny fanatrehan'i Solomona Mpanjaka), satria Jeroboama nonina tao Egypta. [1]
[3]Ary nampaniraka sy niantso azy izy ireo, ary Jeroboama sy ireo fiangonan'ny Israely rehetra tonga ary niteny tamin'i Rehoboama hoe: "'[4]Nataon'ny rainao mavesatra ny zioganay. Koa hamaivano ny asa mafin'ny rainao, ary hamaivano ny zioga mavesatra izay nampitondrainy anay, dia hanompo anao izahay." [5]Rehoboama niteny tamin'izy ireo hoe: "Mandehana mandritra ny telo andro ary miverena aty amiko." Koa lasa ny vahoaka.
[6]Naka hevitra tamin'ireo lehilahy zokiolona izay nanatrika an'i Solomona rainy fony izy mbola velona i Rehoboama Mpanjaka, ary hoy izy hoe: "Inona no torohevitrareo ho ahy mba hamaliako ireo vahoaka ireo?" [7]Niteny taminy izy ireo ary nanao hoe: "Raha ho mpanompon'ireo vahoaka ireo ianao anio ka hanompo azy ireo, ary hamaly azy ireo amin'ny teny tsara, dia ho mpanomponao mandrakariva izy ireo."
[8]Fa i Rehoboama nandà ny torohevitra izay nomen'ny zokiolona azy ary nila hevitra tamin'ireo tovolahy izay niara-lehibe taminy sy nanatrika azy. [9]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Inona no torohevitra omenareo ahy izay mety havalintsika ireo vahoaka izay niresaka sy niteny tamiko hoe: "Hamaivano ny zioga izay napetraky ny rainao taminay'?"
[10]Ireo zatovolahy izay niara-lehibe tamin'i Rehoboama niteny taminy ary nanao hoe: "Miresaha amin'ireo vahoaka izay niteny taminao fa i Solomona rainao dia nanao ny ziogan'izy ireo ho mavesatra kanefa ianao tsy maintsy hanamaivana izany. Tokony hilaza amin' izy ireo ianao hoe: 'Ny ankihikeliko dia lehibe noho ny valahan'ny raiko. [11]Koa ankehitriny, na dia nampitondra zioga mavesatra anareo aza ny raiko, dia mbola hanampy ny zioganareo aho. Ny raiko nanafay anareo tamin'ny karavasy fa izaho kosa hanafay anareo amin'ny maingoka.'"
[12]Ka tonga tany amin'i Rehoboama tamin'ny andro fahatelo i Jeroboama sy ny vahoaka rehetra, araka ny nandidian'ny mpanjaka rehefa niteny izy hoe: "Miverena eto amiko amin'ny andro fahatelo." [13]Ny mpanjaka namaly ny vahoaka tamin'ny teny mafy ary nandà ny torohevitra izay nomen'ireo zokiolona azy. [14]Niresaka tamin'izy ireo izy araka ny torohevitr'ireo zatovolahy; hoy izy hoe: "Nampitondra anareo zioga mavesatra ny raiko, kanefa mbola hanampy ny zioganareo aho. Nanafay anareo tamin'ny karavasy ny raiko, fa izaho kosa hanafay anareo amin'ny maingoka."
[15]Ary dia tsy nihaino ny vahoaka ny mpanjaka, fa avy amin'i Yaveh izany zavatra izany, mba hahafahany manatanteraka ny teniny izay nolazainy tamin'ny alalan'i Ahia ilay Silonita tamin'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata.
[16]Rehefa hitan'ny Israely rehetra fa tsy nihaino azy ireo ny mpanjaka, dia namaly azy ny vahoaka ary nanao hoe: "Inona no mba anjaranay ao amin'i Davida? Tsy manana lova ao amin'ny zanaka lahin'i Jese izahay! Mankanesa any an-dainareo, ry Israely. Ankehitriny jereo ny ankohonanao, ry Davida." Dia niverina tany an-dainy ny Israely. [17]Fa ireo vahoakan'i Israely izay nonina tao an-tanànan'i Joda, dia i Rehoboama no lasa mpanjakan'izy ireo.
[18]Ary i Rehoboama Mpanjaka naniraka an'i Adorama, izay nifehy mpiasa an-terivozona, fa ny Israely rehetra nitora-bato azy ka maty izy. Rehoboama mpanjaka nandositra faingana tany Jerosalema niaraka tamin'ny kalesiny. [19]Noho izany Israely dia nikomy tamin'ny taranak'i Davida mandrak'androany.
[20]Rehefa rèn'ny Israely rehetra fa efa niverina i Jeroboama dia nampaniraka nampiantso azy ho ao amin'ny fivorian'izy ireo, ary nanao azy ho mpanjakan'ny Israely rehetra. Tsy nisy olona na iray aza nanaraka ny fianakavian'i Davida, afa-tsy ny fokon'i Joda irery ihany.

[21]Rehefa tonga tao Jerosalema Rehoboama, dia namory ireo taranak'i Joda sy ireo fokon'i Benjamina rehetra; nisy lehilahy voafidy 180. 000 izay miaramila, mba hiady amin'ny taranak'Israely, mba hamerina ny fanjakan'i Rehoboama zanaka lahin'i Solomona.
[22]Fa ny tenin'Andriamanitra tonga tamin'i Semaia, ilay lehilahin'Andriamanitra; voalaza hoe: [23]"Ilazao i Rehoboama zanaka lahin'i Solomona, mpanjakan'i Joda, ny taranak'i Joda sy i Benjamina rehetra, ary ireo olona ambiny rehetra; lazao hoe: [24]'Izao no tenin'i Yaveh: Aza manafika na miady amin'ny rahalahinao vahoakan'i Israely ianao. Ny lehilahy tsirairay dia tsy maintsy miverina any amin'ny tranony, satria avy Amiko izao zavatra izao.'" Dia nihaino ny tenin'i Yaveh izy ireo, ary niverina sy nandray ny lalany, ary nankatò ny teniny izy ireo.
[25]Ary Jeroboama nanorina an'i Sekema teo amin'ny tany havoan'i Efraima, ary nonina teo. Nivoaka avy tao izy ary nanorina an'i Pehoela. [26]Jeroboama nanao anakam-po hoe: "Hiverina ho an'ny taranak'i Davida ny fanjakana ankehitriny.
[27]Raha miakatra mba hanao sorona ao amin'ny tempolin'i Yaveh ao Jerosalema ireo vahoaka ireo, dia hiverina amin'ny tompon'izy ireo, dia amin'i Rehoboama mpanjakan'i Joda indray ny fon'ireo vahoaka ireo. Hamono ahy izy ireo ka hiverina amin'i Rehoboama mpanjakan'i Joda."
[28]Ary Rehoboama mpanjaka nitady hevitra ary nanamboatra zanak'omby volamena roa; dia hoy izy tamin'ny vahoaka: "Sarotra ho anareo ny hiakatra ho any Jerosalema. Indro, ireto ny andriamanitrareo, ry Israely, izay nitondra anareo niakatra niala ny tany Egypta." [29]Napetrany tao Betela ny iray ary ilay hafa tany Dana. [30]Ary dia lasa fahotana izany fihetsika izany. Ny vahoaka nandeha tamin'ny iray na ilay hafa, tamin'ny lalana rehetra mankany Dana.
[31]Jeroboama nanorina ireo trano tamin'ny toerana avo ary nanendry mpisorona avy tamin'ireo vahoaka rehetra, izay tsy avy teo amin'ireo zanaka lahin'i Levy ihany koa izy. [32]Nanendry andro firavoravoana i Jeroboama tamin'ny volana fahavalo, tamin'ny andro faha dimy ambin'ny folon'ny volana, tahaka ilay firavoravoana izay any Joda, ary niakatra teny amin'ny alitara izy. Tany Betela no nanaovany izany, nanao sorona tamin'ny zanak'omby izay namboariny, ary napetrany tany Betela ireo mpisorona tao amin'ny toerana avo izay nataony.
[33]Niakatra tany amin'ny alitara izay namboariny tao Betela i Jeroboama tamin'ny andro faha dimy ambin'ny folo tamin'ny volana fahavalo, tamin'ny volana izay noheverin'ny sainy manokana; nanendry andro firavoravoana ho an'ny vahoakan'i Israely izy, ary niakatra tany amin'ny alitara mba handoro ditin-kazo manitra.

---

[1]Fanamarihana: "Ny dikan-teny sasany manao hoe: "ary i Jeroboama niverina avy tany Egypta."

---

13 [1]Nisy lehilahin'Andriamanitra avy any Joda tonga tao Betela nohon'ny tenin'i Yaveh. Nijoro teo akaikin'ilay alitara i Jeroboama mba handoro ditin-kazo manitra. [2]Nihikiaka tamin'ny alitara nohon'ny tenin'i Yaveh izy hoe: "Alitara! Alitara! Izao no ambaran'i Yaveh hoe: 'Indro, hisy lehilahy antsoina hoe Josia hateraka amin'ny fianakavian'i Davida, ary eo aminao no hanaovany sorona mpisorona amin'ny toerana avo indrindra izay mandoro ditin-kazo manitra eo aminao izao. Handoro taolan'olombelona eo aminao izy ireo.'" [3]Avy eo ilay lehilahin'Andriamanitra nanome famantarana ny androtr'iny ihany, nanao hoe: "Izao no famantarana nolazain'i Yaveh: 'Indro, hiparitaka ny alitara, ary hiraraka ny lavenona eo aminy.'"
[4]Rehefa ren'ny mpanjaka izay nolazain'ilay lehilahin'Andriamanitra, fa niantso mafy nanohitra ny alitara tao Betela izy, dia naninjitra ny tanany avy eo amin'ny alitara i Jeroboama, nanao hoe: "Sambory izy." Avy eo maty ilay tanana izay nahinjiny tamin'ilay lehilahy, ka tsy afaka nanemotra izany hiverina intsony izy. [5](Niparitaka ihany koa ilay alitara ary niraraka avy teo amin'ilay alitara ny lavenona, araka ny voafaritr'ilay famantarana izay nomen'ilay lehilahin'Andriamanitra nohon'ny tenin'i Yaveh.)
[6]Namaly Jeroboama Mpanjaka ary niteny tamin'ilay lehilahin'Andriamanitra hoe: "Mangataha sitraka amin'i Yaveh Andriamanitrao, ary mivavaha ho ahy, mba haverina amiko indray ny tanako." Noho izany dia nivavaka tamin'i Yaveh ilay lehilahin'Andriamanitra, ary naverina taminy indray ny tanan'ny mpanjaka, ary lasa toy ny teo aloha izany. [7]Hoy ny mpanjaka tamin'ilay lehilahin'Andriamanitra hoe: "Andao hody miaraka amiko ka haka aina, ary homeko valisoa ianao."
[8]Hoy ilay lehilahin'Andriamanitra tamin'ny mpanjaka hoe: "Na dia homenao ahy aza ny antsasaky ny fanananao, dia tsy handeha hiaraka aminao aho, na hihinan-kanina na hisotro rano amin'ity toerana ity, [9]satria Yaveh nandidy ahy tamin'ny teniny hoe: 'Tsy hihinana mofo na hisotro rano ianao, na hiverina amin'ny lalana izay nihavianao.'" [10]Noho izany dia nandeha tamin'ny lalana hafa ilay lehilahin' Andriamanitra ary tsy niverina tany an-tranony tamin'ny lalana izay nalehany ho any Betela.
[11]Ary nisy mpaminany antitra iray nipetraka tao Betela, ary tonga ny iray tamin'ireo zanany lahy ka niteny taminy ny zavatra rehetra izay vitan'ilay lehilahin'Andriamanitra tao Betela tamin'io andro io. Nolazain'ny zanany taminy koa ireo teny izay nolazain'ilay lehilahin'Andriamanitra tamin'ny mpanjaka. [12]Hoy ny rain'izy ireo tamin'izy ireo hoe: "Aiza no lalana nalehany?" Ary hitan'ilay zanany ny lalana nalehan'ilay lehilahin'Andriamanitra avy any Joda. [13]Noho izany dia hoy izy tamin'ireo zanany lahy hoe: "Asio lasely ho ahy ny boriky." Koa dia nasin'izy ireo lasely ilay boriky ary notaingenany izany.
[14]Nanaraka an'ilay lehilahin'Andriamanitra ilay mpaminany antitra ka nahita azy nipetraka teo ambanin'ny hazo terebinta; ary hoy izy taminy hoe: "Ianao ve ilay lehilahin'Andriamanitra avy any Joda?" Dia namaly izy hoe: "Izaho indrindra." [15]Avy eo niteny taminy ilay mpaminany antitra hoe: "Andao hiaraka amiko any an-trano ary hihinan-kanina."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Dia namaly ilay lehilahin'Andriamanitra hoe: "Tsy handeha hiverina hiaraka aminao aho na hiditra hiaraka aminao, na hihinan-kanina na hisotro rano miaraka aminao amin'izany toerana izany, [17]satria nandidiana ahy tamin'ny tenin'i Yaveh izany hoe: 'Tsy mahazo mihinana sakafo na misotro rano any ianao, na miverina amin'ny lalana izay nandehananao.'"
[18]Dia hoy ilay mpaminany antitra taminy hoe: "Mpaminany tahaka anao koa aho, ary nisy anjely niresaka tamiko nohon'ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: 'Ento miverina any an-tranonao miaraka aminao izy, mba hahafahany mihinan-kanina sy misotro rano.'" Kanefa nandainga tamin'ilay lehilahin'Andriamanitra izy. [19]Noho izany dia nandeha niverina niaraka tamin'ilay mpaminany antitra ilay lehilahin'Andriamanitra ary nihinan-kanina tao an-tranony sy nisotro rano.
[20]Raha nipetraka teo an-databatra izy ireo, dia tonga tamin'ilay mpaminany izay nitondra azy niverina ny tenin'i Yaveh, [21]ary nihikiaka tamin'ilay lehilahin'Andriamanitra izay avy any Joda izy, nanao hoe: "Hoy Yaveh hoe: 'Satria tsy nankatoa ny tenin'i Yaveh ianao ary tsy nitandrina ny didy izay nomen'i Yaveh anao, [22]fa niverina sy nihinan-kanina sy nisotro rano tao amin'ilay toerana izay nolazain'i Yaveh anao mba tsy hihinanana hanina na hisotroana rano, dia tsy halevina any amin'ny fasan'ireo razambenao ny vatanao.'"
[23]Rehefa avy nihinan-kanina sy rehefa avy nisotro izy, dia nasian'ilay mpaminany lasely ny borikin'ilay lehilahin'Andriamanitra, ilay lehilahy izay niverina niaraka taminy. [24]Rehefa lasa ilay lehilahin' Andriamanitra, dia nisy liona nifanena taminy teny an-dalana ary namono azy, ka navela teo an-dalana ny fatiny. Avy eo ilay boriky nijoro teo akaikin'izany, ary ny liona ihany koa dia nijoro teo anilan'ilay faty. [25]Rehefa nandalo teo ny olona ka nahita ilay faty tavela teo an-dalana, ary ny liona nijoro teo akaikin'ilay faty, dia nandeha izy ireo ary niteny izany tany amin'ny tanàna izay nipetrahan'ilay mpaminany antitra.
[26]Rehefa ren'ilay mpaminany izay nitondra azy niverina tamin'ny lalana izany, dia hoy izy hoe: "Ilay lehilahin'Andriamanitra izay tsy nankatoa ny tenin'i Yaveh izany. Noho izany dia nomen'i Yaveh ny liona izy, izay namiravira azy sy namono azy, araka ny nampitandreman'ny tenin'i Yaveh azy." [27]Koa niresaka tamin'ireo zanany lahy ilay mpaminany, nanao hoe: "Asio lasely ny borikiko,' dia nasian'izy ireo lasely izany. [28]Nandeha izy ary nahita ilay faty tavela teny an-dalana, ary ilay boriky sy ilay liona nijoro teo akaikin'ilay faty. Tsy nohanin'ilay liona ilay faty, na novonoiny ilay ampondra.
[29]Nalain'ilay mpaminany ny fatin'ilay lehilahin' Andriamanitra, nampandriany teo amin'ilay boriky izany, ary nentiny niverina. Tonga tany amin'ny tanànany manokana izy mba hisaona sy handevina azy. [30]Nampandriany tao amin'ny fasany manokana ilay faty, ary nisaona azy izy ireo, nanao hoe: "Indrisy, ry rahalahiko!"
[31]Rehefa avy nandevina azy izy ireo, dia niresaka tamin'ireo zanany lahy ilay mpaminany antitra, nanao hoe: "Rehefa maty aho, dia aleveno ao amin'ny fasana izay nandevenana an'ilay lehilahin'Andriamanitra. Ampandrio eo akaikin'ny taolany ny taolako. [32]Satria ny hafatra izay nambarany nohon'ny tenin'i Yaveh, tamin'ny alitara tao Betela sy tamin'ireo trano rehetra any amin'ny toerana avo any amin'ireo tanànan'i Samaria, dia hitranga tokoa."
[33]Taorian'io dia tsy niala tamin'ny fomba ratsiny i Jeroboama, fa mbola nanohy nanondro mpisorona avy amin'ny karazan'olona ho amin'ny toerana ambony ihany. Izay te-hanompo dia natokany ho mpisorona. [34]Lasa fahotana tamin'ny fianakavian'i Jeroboama sy nahatonga ny fianakaviany ho potika sy ringana teto ambonin'ny tany izany.

14 [1]Tamin'izany fotoana izany dia narary mafy Abia zanaka lahin'i Jeroboama. [2]Hoy i Jeroboama tamin'ny vadiny hoe: "Mitsangàna re ary manovà endrika, mba tsy ho fantatry ny olona fa vadiko ianao, ary mandehana any Silo, fa any no misy an'i Ahia mpaminany; izy ilay niresaka ny momba ahy, nilaza fa ho lasa mpanjakan'ireo olona ireo aho.
[3]Mitondrà mofo folo, mofomamy vitsivitsy, sy tantely iray tavoara, ary mandehana any amin'i Ahia. Hilaza aminao izay hitranga amin'io zaza io izy."
[4]Nataon'ny vadin'i Jeroboama izany; dia lasa izy ary nandeha nankany Silo, ary tonga tao an-tranon'i Ahia. Ary tsy nahita i Ahia; tsy nahita intsony izy nohon'ny fahanterany. [5]Hoy i Yaveh tamin'i Ahia hoe: "Indro, ho avy eto aminao ny vadin'i Jeroboama mba hitady toro-hevitra mahakasika ny zanany lahy, satria marary izy. Izao sy izao lazaina azy, satria rehefa tonga izy, dia mody hanao toy ny vehivavy hafa izy."
[6]Rehefa ren'i Ahia ny feon'ny tongony raha izy niditra ny varavarana iny, dia hoy izy hoe: "Mandrosoa, ry vadin'i Jeroboama. Nahoana ianao no mody manao olon-kafa? Nirahina hilaza vaovao ratsy ho anao aho. [7]Mandehana, lazao Jeroboama fa i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, dia niteny hoe: 'Nasandratro tamin'ireo olona ianao mba hahatonga anao ho mpitarika ny vahoakan'Israely. [8]Nesoriko teo amin'ny fianakavian'i Davida ny fanjakana ary nomeko anao izany, nefa ianao dia tsy toa an'i Davida mpanompoko Davida, izay nitandrina ny didiko ary nanaraka Ahy tamin'ny fony manontolo, mba tsy hanao afa-tsy ny marina eo imasoko.
[9]Fa ianao kosa dia nanao ratsy, mihoatra noho ireo rehetra nanoloana anao. Ianao dia nanao andriamanitra hafa, nanao sarin-javatra an-idina mba hampatezitra Ahy, ary nanilika Ahy ho ao an-damosinao. [10]Noho izany, indro, hitondra loza amin'ny fianakavianao Aho; handringana ny zazalahy rehetra ao Israely Aho, na ny andevo na ny afaka, ary hanafoana tanteraka ny fianakavianao, tahaka ny olona mandoro zezika mandra-pahalevon'izany.
[11]Na iza na iza an'ny fianakavianao izay maty ao amin'ny tanàna dia ho hanin'ireo amboa, ary na iza na iza maty any an-tsaha dia ho hanin'ireo voron'ny lanitra satria Izaho, Yaveh no efa nilaza izany.' [12]Koa mitsangàna, ry vadin'i Jeroboama ary miverena any an-tranonao; rehefa miditra ao amin'ny tanàna ny tongotrao, dia ho faty i Abia. [13]Hisaona sy handevona azy ny Israely rehetra. Izy ihany no tokana avy amin'ny fianakavian'i Jeroboama halevina ao anaty fasana, satria tao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

aminy irery ihany, avy ao amin'ny an-tranon'i Jeroboama, no nahitana zavatra tsara teo imason'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely.
14 Yaveh ihany koa dia hanandratra mpanjakan'Israely iray izay handringana ny fianakavian'i Jeroboama amin'io andro io. Androany izany andro izany, izao dieny izao. 15 Fa Yaveh dia hanafika an'Israely toy ny volotara hozongozonin'ny rano, ary Izy dia hanongotra an'Israely hiala eo amin'io tany tsara izay nomeny ny razam-ben'izy ireo io. Hanaparitaka azy ireo any an-dafin'ny onin'i Efrata Izy, satria nanao baon'Aseraha izy ireo ary nampatezitra an'i Yaveh. 16 Izy dia handao an'Israely noho ireo fahotan'i Jeroboama, ireo fahotana izay nataony, sy nitarihany an'Israely mba hanota."
17 Dia nitsangana ny vadin'i Jeroboama ka nandeha, ary tonga tao Tirza. Raha tonga teo an-tokonam-baravaran'ny tranony izy, dia maty ilay zaza. 18 Nandevina sy nisaona azy ny Israely rehetra, araka ny efa nolazaina tamin'izy ireo araka ny tenin'i Yaveh izay nambarany tamin'ny alalan'ny Ahia mpaminany mpanompony.
19 Ary ireo zavatra hafa mahakasika an'i Jeroboama, ny nanakaramany ady sy nanjakany, dia indro, nosoratana tao amin'ny bokin'ny tantaran'ny mpanjakan'Israely ireo. 20 Nanjaka roa amby roapolo taona Jeroboama ary nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny, ary Nadaba zanany lahy no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.
21 Ary Rehoboama zanak'i Solomona no nanjaka tao Joda. Iraika amby efapolo taona Rehoboama no lasa mpanjaka, ary nanjaka fito ambin'ny folo taona tao Jerosalema izy, ilay tanàna izay nofidian'i Yaveh tamin'ny fokon'Israely rehetra hametrahana ny anarany. Ny anaran'ny reniny dia Nama ilay Amonita. 22 Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh i Joda; nampiteraka fahasarotam-piaro ho Azy ny ota nataon'izy ireo, mihoatra noho ny zavatra rehetra izay efa nataon'ny razamben'izy ireo.
23 Fa izy ireo ihany koa dia nanamboatra toerana avo ho an'ny tenan'izy ireo, tsangam-bato, ary baon'Aseraha manerana ny tendrombohitra sy teny ambany hazo maitso. 24 Nisy koa ireo lehilahy nivaro-tena tao amin'ilay tany. Nanao ireo fahavetavetana fanaon'ireo firenena izay noroasin'i Yaveh teo anatrehan'ny vahoakan'Israely izy ireo.
25 Ary tamin'ny fahadimy taona nanjakan'i Rehoboama mpanjaka no tonga nanafika an'i Jerosalema i Sisaka mpanjakan'i Egypta. 26 Nalainy avokoa ireo harena tao an-tranon'i Yaveh, sy ireo harena tao an-tranon'ny mpanjaka. Nalainy avokoa ny zavatra rehetra; nalainy ihany koa ireo ampinga volamena rehetra izay namboarin'i Solomona.
27 Nanao ampinga varahina teo amin'ny toeran'izy ireo ihany koa i Rehoboama Mpanjaka ary nanankina ireo teo an-tanan'ireo mpifehy ny mpiambina, izay niambina ny varavaran'ny tranon'ny mpanjaka. 28 Isaky ny niditra tao an-tranon'i Yaveh ny mpanjaka, dia nolanjain'ireo mpiambina ireo; ary nentin'izy ireo niverina tao amin'ny tranon'ny mpiambina.
29 Ary ireo zavatra hafa mahakasika an'i Rehoboama, sy izay nataony rehetra, moa ve tsy efa voasoratra ao anatin'ny Bokin'ny tanataran'ny mpanjakan'i Joda ireo? 30 Nisy ady mandrakariva teo amin'i Rehoboama sy Jeroboama. 31 Koa nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Rehoboama ary niaraka nalevina tamin'izy ireo tao amin'ny tanànan'i Davida. Ny anaran'ny reniny dia i Nama ilay Amonita. Abia zanany lahy no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.

15 1 Tamin'ny taona fahavalo ambin'ny folo nanjakan'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata, dia nanomboka nanjaka teo amin'i Joda i Abia. 2 Nanapaka telo taona tao Jerosalema izy. Imaka no anaran'ny reniny. Zanaka vavin'i Absaloma izy.
3 Nandeha tamin'ny fahotana rehetra izay nataon-drainy talohan'ny fotoany izy; ny fony dia tsy mba voatokana ho an'i Yaveh Andriamaniny tahaka ny fon'i Davida, razambeny.
4 Na izany aza, noho ny amin'i Davida, Yaveh Andriamaniny dia nanome fanilo azy tany Jerosalema tamin'ny alalan'ny fananganany ny zanany handimby azy mba hampantanjaka an'i Jerosalema. 5 Nataon'Andriamanitra izany satria Davida dia nanao ny marina teo imasony; nandritra ny andro rehetra niainany, tsy mba nivily tamin'izay rehetra nandidiany azy izy, afa-tsy tamin'ny raharahan'Oria ilay Hetita ihany. 6 Ary nisy ady teo amin'i Rehoboama sy Jeroboama nandritra ny androm-piainan'i Abia rehetra.
7 Ny amin'ny ireo raharaha hafa mahakasika an'i Abia, dia izay nataony rehetra, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny Bokin'ny tantaran'ny mpanjakan'i Joda ve ireo? Nisy ady teo amin'i Abia sy Jeroboama. 8 Nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Abia, ary dia nalevin'izy ireo tany amin'ny tanànan'i Davida izy. Asa zanany no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.
9 Tamin'ny taona faha roapolo nanjakan'i Jeroboama mpanjakan'ny Israely, dia nanomboka nanjaka teo amin'i Joda i Asa.
10 Nanapaka nandritra ny raika amby efapolo taona tao Jerosalema izy. Imaka no anaran'ny renibeny, ilay zanaka vavin'i Absaloma. 11 Nanao ny marina teo imason'i Yaveh i Asa, toa an'izay nataon'i Davida razambeny.
12 Noroahiny tsy ho amin'ny tany ireo lehilahy mpijangajanga amin'ny fanompoan-tsampy ary nesoriny avokoa ireo sampy izay namboarin'ireo razambeny. 13 Nesoriny tamin'ny maha-mpanjaka vavy azy koa i Maka, renibeny, satria izy nanamboatra sampy maharikoriko avy tamin'ny baon'i Ashera. Nokapain'i Asa ilay sampy maharikoriko ka nodorany tany an-Dohasahan-driaka Kidrona.
14 Fa ireo fitoerana avo tsy mba nesorina. Na izany aza, ny fon'i Asa dia voatokana ho an'i Yaveh tanteraka nandritra ny androny rehetra. 15 Nentiny ho any an-tranon'i Yaveh ny zavatra izay voatokan'ny rainy, sy ireo zavany izay voatokana vita tamin'ny volafotsy sy volamena, ary ireo fanaka.
16 Nisy ady teo amin'i Asa sy Basa mpanjakan'ny Israely, tamin'ny andron'izy ireo rehetra. 17 Nanao herisetra tamin'i Joda i Basa mpanjakan'ny Israely ka nanangana an'i Rama, mba tsy hamelany ny olona hiala na hiditra ao amin'ny tanin'i Asa mpanjakan'i Joda.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[18]Ary dia nalain'i Asa ny volafotsy sy volamena rehetra sisa tao amin'ireo efitra fitehirizana tao amin'ny tranon'i Yaveh, sy ireo efitra fitehirizan'ny lapan'ny mpanjaka. Nataony teo an-tanan'ireo mpanompony ary nampanateriny ho an'i Beni-hadada zanaka lahin'i Tabrimoma zanaka lahin'i Heziona, mpanjakan'i Syria, izay nipetraka tany Damaskosy izany. Hoy izy: [19]"Aoka hisy fifanekena amiko sy aminao, tahaka izay nisy teo amin'ny raiko sy ny rainao. Indro, efa nampanatitra volafotsy sy volamena ho fanomezana ho anao aho. Ravao ny fanekenao sy Basa mpanjakan'Israely, mba hialany amiko."
[20]Nihaino an'i Asa mpanjaka i Beni-hadada ka nandefa ireo mpifehy ny tafiny, ary dia nanafika ny tanànan'Israely izy ireo. Nanafika an'i Iona, Dana, Abelabeti-maka, ary ny Kinerota rehetra, niaraka tamin'ny tanin'i Naftaly rehetra izy ireo.
[21]Ary rehefa ren'i Basa izany dia natsahany ny fananganany an'i Rama ary niverina tany Tirza izy. [22]Ary dia nanao fanambarana teo amin'i Joda rehetra i Asa Mpanjaka. Tsy nisy na iray afa-niala. Nalain'izy ireo avokoa ireo vato sy ny hazon'ny Rama izay nanorenan'i Basa ny tanàna. Ary dia nampiasain'i Asa Mpanjaka izany fitaovana fanamboarana izany mba hananganana an'i Geban'i Benjamina sy Mizpa.
[23]Ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Asa, ny heriny rehetra, izay nataony rehetra, ireo tanàna naoriny rehetra, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ny mpanjakan'i Joda ve ireo? Kanefa nandritra ny androm-pahanterany dia narary tamin'ny tongony izy. [24]Ary nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Asa ka dia nalevina niaraka tamin'izy ireo tao amin'ny tanànan'i Davida rainy. I Josafata zanany lahy no lasa mpanjaka nandimby azy.
[25]Nadaba zanaka lahin'i Jeroboama nanomboka nanjaka tamin'ny Israely tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Asa mpanjakan'i Joda; nanjaka tamin'ny Israely nandritra ny roa taona izy. [26]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy ary nandeha tamin'ny lalan-drainy, sy tamin'ny fahotany, izay nitarihany ny Israely hanota.
[27]Basa zanaka lahin'i Ahia, avy amin'ny fianakavian'Isakara, nikomy nanohitra an'i Nadaba; novonoin'i Basa tao Gibetona, izay an'ireo Filistina izy, satria Nadaba sy ny Israely rehetra nanao fahirano tany Gibetona. [28]Tamin'ny taona fahatelo nanjakan'i Asa mpanjakan'i Joda, dia namono an'i Nadaba i Basa ka tonga mpanjaka teo amin'ny toerany.
[29]Raha vao lasa mpanjaka izy, dia novonoin'i Basa ny fianakavian'i Jeroboama rehetra. Tsy nisy navelany ny ain'ny taranak'i Jeroboama; izany fomba izany no nandringanany ny fianakavin'ny mpanjaka, araka izay nambaran'i Yaveh tamin'i Ahia Silonita mpanompony, [30]noho ireo fahotan'i Jeroboama izay nataony sy ny nitarihany ny Israely hanota, satria nihantsy ny fahatezeran'i Yaveh, ilay Andriamanitrin'ny Israely izy.
[31]Ny amin'ny raharaha hafa mahakasika an'i Nadaba, sy izay nataony rehetra, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ny mpanjakan'ny Israely ve ireo? [32]Nisy ady teo amin'i Asa sy Basa mpanjakan'ny Israely tamin'ny andron'izy ireo rehetra.
[33]Tamin'ny taona fahatelo nanjakan'i Asa mpanjakan'i Joda, dia nanomboka nanjaka teo amin'Israely rehetra tany Tirza i Basa zanaka lahin'i Ahia ary nanjaka nandritra ny efatra amby roapolo taona izy. [34]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy ary nanaraka ny fomban'i Jeroboama sy ny fahotany izay nitarihany ny Israely hanota.

16 [1]Tonga tamin'i Jeho zanak'i Hanany ny tenin'i Yaveh hanohitra an'i Basa, nanao hoe: [2]"Na dia efa nanaisotra anao hiala amin'ny vovoka aza aho sy nanao anao ho mpitarika eo amin'Israely vahoakako, dia efa nanaraka ny fomban'i Jeroboama ianao ary nampanota an'ny Israely vahoakako, mba hampatezitra ahy amin'ny fahotan'izy ireo.
[3]Indro, haringako tanteraka i Basa sy ny ankohonany ary hanao ny ankohonanao ho toy ny ankohonan'i Jeroboama zanak'i Nebata aho. [4]Hohanin'ireo amboa ny olon'i Basa izay maty ao an-tanàna, ary ireo voron'ny lanitra dia hihinana ny olona izay maty eny an-tsaha."
[5]Ny amin'ireo zavatra hafa mahakasika an'i Basa, izay nataony, sy ny heriny, moa ve ireny tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely ireo? [6]Nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Basa ary nalevina tany Tirza, ary Elaha zanany no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.
[7]Dia tonga nanohitra an'i Basa sy ny fianakaviany ny tenin'i Yaveh tamin'ny alalan'ny Jeho mpaminany zanak'i Hanany, nohon'ny ratsy rehetra izay nataony teo imason'i Yaveh, mba hampatezitra azy amin'ny asan'ny tanany, toy ny fianakavian'i Jeroboama, ary satria efa namono ny fianakavian'i Jeroboama rehetra ihany koa izy.
[8]Tamin'ny fahenina amby roapolo taona nanjakan'i Asa mpanjakan'i Joda, dia nanomboka nanjaka teo amin'ny Israely tany Tirza i Ela zanak'i Basa; nanjaka nandritra ny roa taona izy. [9]Zimry mpanompony, kapitenin'ny antsasaky ny kalesiny, dia nitetika hanohitra azy. Ary tany Tizra i Ela, nampimamo ny tenany ao an-tranon'i Arza, izay teo amin'ny ankohonan'i Tirza. [10]Dia niditra i Zimry, nanafika sy namono azy, tamin'ny faha fito amby roapolo taona nanjakan'i Asa mpanjakan'i Joda, ka lasa mpanjaka nisolo ny toerany.
[11]Rehefa nanomboka nanjaka sy napetraka teo amin'ny seza fiandrianany i Zimry, dia namono ny fianakavian'i Basa rehetra izy. Tsy namela lehilahy iray tamin'ny havana sy naman'i Basa ho velona izy. [12]Koa noringanin'i Zimry ny fianakavian'i Basa rehetra, araka ny tenin'i Yaveh izay nolazainy hanohitra an'i Basa tamin'ny alalan'ny Jeho mpaminany,
[13]nohon'ny fahotan'i Basa rehetra sy ny fahotan'i Ela zanany izay nataon'izy ireo, sy ny nitarihan'izy ireo ny Israely hanota, mba ho nahafahan'izy ireo nihantsy an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, mba ho tezitra amin'ny sampin'izy ireo.
[14]Ny amin' ireo zavatra mahakasika an'i Ela, izay rehetra nataony, moa ve ireny tsy efa voasoratra tao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Israely?
[15]Tamin'ny fahafito amby roapolo taona nanjakan'i Asa mpanjakan'i Joda, dia nanjaka tany Tirza nandritra ny fito andro monja i Zimry. Ary nitoby tao Gibetona, izay an'ireo Filistina ny tafika. [16]Ireo tafika nitoby tany dia nandre ilay teny hoe:

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

"Nikonokonona i Zimry ary efa namono ny mpanjaka." Koa tamin'izany andro izany tany an-toby, ny Israely rehetra dia nanambara an'i Omry, ho mpifehy ny tafika, ho mpanjaka eo amin'i Israely. [17]Nandeha niakatra avy tany Gibetona i Omry sy ireo Israely rehetra niaraka taminy, ary nanao fahirano an'i Tirza izy ireo.
[18]Rehefa hitan'i Zimry fa efa azo ny tanàna, dia niditra tao amin'ny fiarovana mafy izay nikambana tamin'ny lapan'ny mpanjaka izy ary nandoro ny trano teo aminy; tamin'izany fomba izany no nahafatesany tao anaty afo. [19]Izany dia nohon'ny fahotana vitany tamin'ny fanaovana izay ratsy teo imason'i Yaveh, tamin'ny fanarahana ny fomban'i Jeroboama sy tamin'ny fahotana izay efa nataony, mba hitarika ny Israely hanota. [20]Raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Zimry, sy ireo fivadihana izay nataony, moa ve ireo tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely?
[21]Avy eo dia nozaraina ho antoko roa ireo vahoakan'Israely. Nanaraka an'i Tibny zanak'i Ginata ny antsasaky ny vahoaka, mba hanao azy ho mpanjaka, ary ny antsasany nanaraka an'i Omry. [22]Fa nahery noho ireo olona nanara-dia an'i Tibny zanak'i Ginata ireo olona nanaradia an'i Omri. Ka maty i Tibnia; ary lasa mpanjaka i Omri.
[23]Nanomboka nanjaka teo amin'ny Israely tamin'ny faha iraika amby telopolo taona nanjakan'i Asa mpanjakan'i Joda i Omry, ary nanjaka nandritra ny roa ambin'ny folo taona. Nanjaka tany Tirza nandritra ny enin-taona izy. [24]Novidiany tamin'i Samera tamin'ny talenta volafotsy roa ny havoan'i Samaria. Nanorina tanàna teo amin'ilay havoana izy ary nanao ny anaran'ny tanàna hoe Samaria, araka ny anaran'i Samera, ilay tompon'ny havoana teo aloha.
[25]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh i Omry ary ratsy fanahy mihoatra izay rehetra teo alohany. [26]Fa nandeha tamin'ny lalana rehetra an'i Jeroboama zanak'i Nebata sy ny fahotany izay nitarihany ny Israely hanota, mba hiantsy an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, mba ho tezitra amin'ny sampin'izy ireo izay tsy misy dikany izy.
[27]Raha ny amin'ny raharaha hafa mahakasika izay nataon'i Omry, sy ny hery izay nasehony, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely ve ireo? [28]Koa dia nodimandry niaraka tamin'ireo razany i Omry ary nalevina tany Samaria ary Ahaba zanany lahy no lasa mpanjaka nandimby ny toerany.
[29]Tamin'ny fahavalo amby telopolo taona nanjakan'i Asa mpanjakan'i Joda, dia nanomboka nanjaka teo amin'ny Israely Ahaba zanak'i Omry. Nanjaka teo amin'ny Israely tao Samaria nandritra ny roa amby roapolo taona i Ahaba zanak'i Omry. [30]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh i Ahaba zanak'i Omry, mihoatra noho ireo rehetra izay teo alohany.
[31]Zavatra tsy nisy dikany tamin'i Ahaba ny nandeha tamin'ny fahotan'i Jeroboama zanak'i Nebata, koa dia nalainy ho vadiny i Jezebela zanaka vavin'i Etibala, mpanjakan'ireo Sidoniana; nandeha ary nanompo an'i Bala izy ka niankohoka taminy. [32]Nanorina alitara ho an'i Bala tao an-tranon'i Bala izy, izay naoriny tany Samaria. [33]Dia nanamboatra baon'Aseraha i Ahaba. Mbola nanao mihoatra noho izany aza i Ahaba mba hampahatezitra an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, mihoatra an'ireo mpanjakan'Israely rehetra teo alohany.
[34]Nandritra ny fitondran'i Ahaba, dia namerina nanorina an'i Jeriko i Hiela avy any Betela. Hiela dia nametraka ny fototry ny tanàna tamin'ny ain'i Abirama, zanany lahimatoany; ary Segoba, faralahiny; dia namoy ny ainy raha nanorenany ireo vavahadin'ny tanàna, araka ny tenin'i Yaveh izay nolazainy tamin'i Josoa zanak'i Nona.

17 [1]Elia ilay Tisbita, avy any Tisba any Gileada, niteny tamin'i Ahaba hoe: "Raha mbola velona koa i Yaveh, ilay Andriamanitry ny Israely, izay ijoroako eo anoloany, dia tsy hisy ando na orana amin'ity taona ity raha tsy milaza izany aho."
[2]Tonga tamin'i Elia ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [3]"Mialà eto ary mandehana miatsinanana; miafena ao amin'ny lohasahan-driaka Kerita, atsinanan'i Jordana. [4]Ary hisotro ny rano avy ao amin'ny lohasahan-driaka ianao, ary efa nandidy ireo goaika aho hamahana anao any."
[5]Ka nandeha i Elia ary nanao araka izay nandidian'ny tenin'i Yaveh. Nandeha izy mba hipetraka eo amin'ny lohasahan-driaka Kerita, atsinanan'i Jordana. [6]Nitondra mofo sy hena ho azy ireo goaika ny maraina ary mofo sy hena ny hariva, ary nisotro tamin'ilay lohasahan-driaka izy. [7]Fa rehefa afaka kelikely dia ritra ilay lohasahan-driaka satria tsy nisy orana tamin'ny tany.
[8]Tonga taminy ireo tenin'i Yaveh, milaza hoe: [9]"Mitsangàna, mandehàna any Zarefata, izay an'i Sidona, ary mitoera any. Indro, efa nandidy mpitondratena tany aho mba hampisakafo anao." [10]Ka nitsangana izy ary nandeha tany Zarefata, ary rehefa tonga teo am-bavahadin'ny tanàna izy dia nisy mpitondratena iray nanangona tapa-kazo teo. Dia niantso azy izy ary ary nanao hoe: "Mba hitondrao rano kely anaty siny re aho mba hahafahako misotro."
[11]Raha nandeha haka rano izy dia niantso azy izy, ary hoy izy: "Mba hitondrao mofo iray eny an-tananao re aho." [12]Dia namaly izy hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh Andriamanitrao, dia tsy manana mofo aho, fa sakafo eran'ny tanana anaty siny sy menaka kely anaty tavoara ihany. Indro, manangona tapa-kazo roa aho mba hahafahako miditraao dia mahandro izany ho ahy sy ho an'ny zanako, mba hihinananay izany, ary ho faty." [13]Hoy Elia taminy: "Aza matahotra. Mandehàna ary ataovy araka izay efa nolazainao, nefa anaovy mofo kely aho aloha ary ento mivoaka eto amiko izany. Ary rehefa vita izany dia manaova ho anao sy ho an'ny zanakao.
[14]Fa Yaveh, ilay Andriamanitry ny Israely, miteny hoe: 'Tsy ho foana ny sinin-tsakafo, na hijanona hikoriana ny tavoaran'ny menaka, mandra-pahatonga ny andro handatsahan'i Yaveh ny orana eto an-tany." [15]Dia nanao araka izay nolazain'i Elia taminy izy. Izy sy Elia, niaraka tamin'ny ankohonany, dia nihinana nandritry ny andro maro. [16]Tsy foana ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

sinin-tsakafo, na nijanona nikoriana ny tavoaran'ny menaka, araka izay efa nolazain'ny tenin'i Yaveh, araka izay voalazany tamin'i Elia.
17 Taorian'ireo zavatra ireo, dia narary ny zanaky ravehivavy, izay tompon'ny trano. Tena nahery vaika tokoa ny aretiny ka
tsy niaina intsony izy. 18 Ka hoy ny reniny tamin'i Elia: "Inona no olanao amiko, ry lehilahin'Andriamanitra? Tonga eto
amiko mba hampatsiahy ahy ny fahotako ary hamono ny zanako ve ianao?"
19 Dia namaly azy Elia hoe: "Omeo ahy ny zanakao lahy." Nalainy tamin'ny sandriny ilay zazalahy ary nentiny niakatra tao
amin'ny efitra izay nijanonany, ary nampandriany teo amin'ny fandriany ilay zaza. 20 Nihiaka tamin'i Yaveh izy ary niteny
hoe: "Yaveh Andriamanitro o, moa ve nitondra loza teo amin'ilay mpitondratena izay hijanonako ihany koa Ianao,
tamin'ny famonoana ny zanany?" 21 Avy eo dia naninjitra ny tenany intelo teo amin'ilay zaza i Elia; nihiaka mafy tamin'i
Yaveh izy ary niteny hoe: "Yaveh Andriamanitro o, mitalaho Aminao aho, avelao re hiverina ao aminy ny ain'ity zaza ity."
22 Nihaino ny feon'i Elia Yaveh; ka niverina taminy ny ain'ilay zaza, ary velona indray izy. 23 Nalain'i Elia ilay zaza ary
nentiny nivoaka tao amin'ny efitranony hidina ho ao an-trano; dia natolony an-dreniny ilay zaza ary hoy izy: "Indro,
velona ny zanakao." 24 Hoy ravehivavy tamin'i Elia: "Ankehitriny fantatro fa lehilahin'Andriamanitra ianao, ary ny tenin'i
Yaveh ao am-bavanao dia marina."

18 1 Ary rehefa afaka andro maromaro dia tonga tamin'i Elia ny tenin'i Yaveh, tamin'ny taona fahatelon'ny hain-tany,
nanao hoe: "Mandehana, misehoa amin'i Ahaba dia handefa orana amin'ny tany Aho." 2 Nandeha niseho tamin'i
Ahaba Elia; ary mafy ny mosary tany Samaria.
3 Ahaba niantso an'i Obadia, izay nisahana ny lapa. Ary Obadia dia nanome voninahitra an'i Yaveh tokoa, 4 ka rehefa
namono ireo mpaminanin'i Yaveh Jezebela, dia naka ireo mpaminany zato ary nanafina azy ireo isan-dimampolo tao an-
davabato ary namahana azy ireo tamin'ny mofo sy rano i Obadia.
5 Ary hoy Ahaba tamin'i Obadia: "Mandehana mitety ny tany hatrany amin'ny loharano sy ireo lohasahan-driaka rehetra.
Fa mety hahita ahi-maitso hamelomana ny soavaly sy ny ampondra isika, mba tsy hisy ho very ny biby fiompy rehetra."
6 Koa nifampizaran'izy ireo ny tany mba andehanany amin'izany ary itadiavany rano. Ahaba nandeha tamin'ny lalana
iray ary Obadia nandeha tamin'ny lalana hafa.
7 Raha mbola teny an-dalana Obadia, dia nifanena tampoka tamin'i Elia izy. Obadia nahalala azy ka nampiankohoka ny
tavany tamin'ny tany. Hoy izy hoe: "Ianao ve ity, ry Elia tompoko?" 8 Elia namaly azy hoe: "Izaho ity. Mandehana teneno ny
tomponao hoe: 'Indro, ato Elia.'"
9 Dia namaly Obadia hoe: "Inona no fahotako, no atolotrao eo an-tanan'i Ahaba ny mpanomponao, mba hamonoany ahy?
10 Raha mbola velona koa Yaveh Andriamanitrao, dia tsy misy firenena na fanjakana izay tsy nandefasan'ny tompoko
olona hitady anao. Na oviana na oviana no misy firenena na fanjakana miteny hoe: 'Tsy ato Elia, dia ampanaovin'i Ahaba
fianianana hianiana fa tsy nahita anao izy ireo. 11 Nefa ankehitriny hoy ianao: 'Mandehana, teneno ny tomponao fa atsy
Elia.'
12 Vantany vao miala aminao aho, ny fanahin'i Yaveh hitondra anao any amin'ny toerana tsy fantatro. Ka raha handeha
aho ary hiteny amin'i Ahaba, ary raha tsy hahita anao izy, dia hovonoiny aho. Kanefa izaho, mpanomponao, dia nanompo
an'i Yaveh hatramin'ny fahatanorako. 13 Moa tsy nolazaina taminao ve, ry tompoko, izay nataoko rehefa novonoin'i
Jezebela ny mpaminanin'i Yaveh, ny fomba nanafenako ny mpaminanin'Yaveh zato ka dimampolo avy no tao anaty lava-
bato sy ny namahanako mofo sy rano azy ireo?
14 Ankehitriny hoy ianao amiko: "Mandehana ary teneno ny tomponao fa eto Elia, ka dia hovonoiny aho." 15 Dia namaly Elia
hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh tompon'ny maro, izay hitsanganako eo anatrehany, dia hiseho amin'i Ahaba tokoa
aho androany."
16 Ka lasa Obadia nandeha mba hijery an'i Ahaba, ary niteny taminy izay nolazain'i Elia. Dia nandeha nihaona tamin'i Elia
ny mpanjaka. 17 Rehefa nahita an'i Elia i Ahaba, dia hoy izy taminy: "Ianao ve io? Ianao ilay iray izay mitondra korontana
ho an'Israely!"
18 Dia namaly Elia hoe: "Tsy nitondra korontana ho an'Israely aho, fa ianao sy ny fianakavian'ny rainao no olona nampisy
korontana tamin'ny alalan'ny fialanareo tamin'ny didin'i Yaveh sy ny fanarahanareo an'i Bala. 19 Koa ankehitriny,
mandefasa teny ary hangony eto amiko ny Israely rehetra ao an-tendrombohitr'i Karmela, miaraka amin'ireo
mpaminanin'i Bala 450 sy ireo mpaminanin'i Aseraha efajato izay nihinana teo an-databatr'i Jezebela."
20 Dia nandefa teny tany amin'ny vahoakan'ny Israely rehetra sy nanangona niaraka ireo mpaminany tao an-
tendrombohit'i Karmela i Ahaba. 21 Ary Elia nanatona ny vahoaka rehetra ka niteny hoe: "Mandra-pahoviana ianao no
hiova hevitra hatrany? Raha i Yaveh no Andriamanitra, dia manaraha Azy. Fa raha i Bala no Andriamanitra, dia
manaraha azy." Fa ny olona tsy namaly teny azy.
22 Dia hoy i Elia tamin'ny vahoaka hoe: "Izaho, dia izaho irery ihany, no sisa mpaminanin'i Yaveh, nefa ny mpaminanin'i
Bala dia olona 450. 23 Koa aoka ireo no hanome omby roa ho antsika. Aoka izy ireo hisafidy omby iray ho an'izy ireo sy
handrasarasa izany, ary hampandry izany eo amin'ny kitay, nefa tsy handrehitra afo eo ambanin'izany. Dia hikarakara
ilay omby iray hafa aho ka hametraka izany eo amin'ny kitay, ary tsy hanisy afo eo ambanin'izany 24 Dia hiantso ny
anaran'ny andriamanitrareo ianareo, ary izaho hiantso ny anaran'i Yaveh, ary ny Andriamanitra izay hamaly amin'ny
afo, dia Aoka izy no ho Andriamanitra." Koa namaly ny olona rehetra ary niteny hoe: "Mety izany."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[25]Ary hoy i Elia tamin'ireo mpaminanin'i Bala: "Mifidiana omby iray ho anareo, ary homano mialoha izany, fa olona betsaka ianareo. Dia antsoy ny anaran'ny andriamanitrareo, nefa aza asina afo eo ambanin'ny omby." [26]Dia naka ny omby izay nomena azy izy ireo ary nikarakara izany, dia niantso ny anaran'i Bala hatramin'ny maraina mandra-pitatao-vovonana izy ireo, nanao hoe: "Ry Bala o, mihainoa anay." Nefa tsy nisy feo, na nisy namaly akory. Nandihy nanodidina ny alitara namboariny izy ireo.
[27]Nony mitatao-vovonana dia naneso azy ireo i Elia nanao hoe: "Miantsoa mafy ihany! fa andriamanitra izy! angamba mbola mieritreritra izy, na manamaivana ny tenany, na nisy dia nalehany, na angamba matory izy ka tokony nofohazina." [28]Fa mbola niantso mafy ihany izy ireo, ary nandrasa ny tenan'izy ireo, araka ny fanaony matetika miaraka amin'ny sabatra sy lefona, mandra-pahaloa-drà ny tenan'izy ireo. [29]Lasa ny mitatao-vovonana, dia mbola nisafoaka ihany izy hatramin'ny fotoan'ny fanatitra hariva, nefa tsy nisy feo na nisy namaly akory; tsy nisy nihaino ny fitalahoan'izy ireo.
[30]Dia hoy i Elia tamin'ny olona rehetra: "Manatona eto amiko," dia nanatona azy ny olona rehetra. Dia namboatra ny alitaran'i Yaveh izay rava tanteraka izy. [31]Naka vato roa ambin'ny folo Elia, ny vato tsirairay avy dia maneho ny iray amin'ireo fokon'ireo zanaka lahin'i Jakoba_ilay Jakoba niavian'ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: "Israely no ho anaranao."
[32]Tamin'ireo vato ireo no nanorenany ny alitara tamin'ny anaran'i Yaveh ary izy dia nandavaka hady kely manodidina ny alitara lehibe omby voan-javatra indroan'ny famaran.
[33]Nandahatra ny kitay ho an'ny afo izy, nandrasarasa ny omby, ary nametraka ireo omby voarasa teo amin'ny kitay. Hoy izy hoe: "Fenoy rano ny siny efatra ka araraho eo amin'ny fanatitra dorana sy eo amin'ny kitay." [34]Dia hoy izy: "Ataovy fanindroany izany," dia nataon'izy ireo fanindroany izany. Dia hoy indray izy: "Ataovy fanintelony izany," Dia nataon'izy ireo fanintelony. [35]Dia niraraka nanodidina ny alitara ny rano ary nameno ny hady kely.
[36]Nitranga izany tamin'ny fotoan'ny fanatitra tamin'ny sorona amin'ny hariva, ary Elia mpaminany dia nanatona akaiky ka niteny hoe: "Ry Yaveh, Andriamanitr'i Abrahama, sy Isaka, ary Israely, aoka ho fantatra eto anio fa Ianao no Andriamanitra eto amin'ny Israely, ary izaho dia mpanomponao, ary nanao izao zavatra rehetra izao araka ny teninao aho. [37]Mihainoa ahy, ry Yaveh, mihainoa ahy, mba hahafantaran'ireto olona ireto fa Ianao, Yaveh, dia Andriamanitra, ary Ianao no nampitodika ny fon'izy ireo taminao indray."
[38]Ary ny afon'Yaveh nilatsaka ka nandevona ny fanatitra dorana, ary koa ny kitay, ireo vato, ary ny vovoka, ary nandritra ny rano izay tao amin'ny hady kely. [39]Rehefa nahita izany ny olona rehetra, dia nampiankohoka ny tavany teo amin'ny tany ary niteny hoe: "Yaveh, Izy no Andriamanitra! Yaveh, Izy no Andriamanitra!" [40]Koa hoy i Elia tamin'izy ireo: "Sambory ireo mpaminanin'i Bala. Aza avela hisy handositra izy ireo na dia iray aza." Koa nosamborina izy ireo, ary i Elia nitondra ireo mpaminanin'i Bala nidina tany amin'ny lohasahan-driaka Kisona ary namono azy ireo tany.
[41]Hoy i Elia tamin'i Ahaba: "Mitsangàna, mihinàna ary misotroa, fa injany ny feon'ny oram-be." [42]Koa niakatra mba hihinana sy hisotro i Ahaba. Dia niakatra teo an-tampon'i Karmela i Elia, niondrika teo amin'ny tany izy, ary nametraka ny tavany teo anelanelan'ny lohaliny.
[43]Ary hoy izy tamin'ny mpanompony: "Miakara ankehitriny, ka mitazàna eny amin'ny ranomasina." Dia niakatra ny mpanompony ka nitazana ary nanao hoe: "Tsy misy na inona na inona." Ka hoy indray i Elia: "Mandehana indray, impito." [44]Ary nony fanim-pitony dia hoy ny mpanompony: "Indro, misy rahona miakatra avy amin'ny ranomasina, kely tahaka ny tanan'olona." Dia namaly i Elia hoe: "Miakara ka lazao amin'i Ahaba hoe: 'Ataovy vonona ny kalesinao ka midina mialohan'ny hanakanan'ny orana anao'"
[45]Ary vetivety monja raha niha-maintin'ny rahona sy rivotra ny lanitra, dia nisy oram-be. Ary i Ahaba nitaingina kalesy ka niakatra nankany Jezirela, [46]fa ny tanan'i Yaveh dia nomba an'i Ahaba. Nisikina ny akanjony teo amin'ny fehin-kibony izy ary nihazakazaka teo alohan'i Ahaba teo amin'ny fidirana mankao Jezirela.

19 [1]Nolazain'i Ahaba tamin'i Jezebela avokoa izay rehetra nataon'i Elia sy ny namonoany ireo mpaminany rehetra tamin'ny sabatra. [2]Ary Jezebela nandefa mpitondra hafatra tany amin'i Elia, nilaza hoe: "Hataon'ireo andriamanitra amiko anie izany, eny mihoatra noho izany aza, raha tsy hataoko ho toy ny ain'ny anankiray tamin'ireny mpaminany izay maty ireny ny ainao rahampitso amin'ny ora toy izao." [3]Rehefa ren'i Elia izany, dia nitsangana izy ka lasa nandositra namonjy ny ainy ary nakany Beri-sheba, izay an'i Joda, ary navelany teo ny mpanompony.
[4]Fa izy nandeha lalana indray andro tany an'efitra, dia tonga ary nipetraka teo ambany hazo kifafambohitra. Nangataka ny ho faty izy, ka nanao hoe: "Ampy izay, ankehitriny, ry Yaveh; esory ny aiko, satria tsy tsara noho ireo razambeko aho."
[5]Ka dia nandry nitsilany teo ambany kifafambohitra izy. Tampoka teo dia nisy anjely nikasika azy ka niteny taminy hoe: "Mifohaza ary mihinàna." [6]Nijery i Elia, ary teo akaikin'ny lohany dia nisy mofo voahendy tamin'ny vato mahamay sy rano iray tavoara. Ary nihinana sy nisotro izy ka nandry nitsilany indray.
[7]Tonga fanindroany indray ilay anjelin'i Yaveh, ka nikasika azy ary niteny hoe: "Miharena ary mihinàna, satria ho lava aminao ny dia." [8]Ka nitsangana izy ary nihinana sy nisotro, ary nandeha tamin'ny hery azony tamin'izany sakafo izany nandritra ny efapolo andro sy efapolo alina ho any Horeba, ilay tendrombohitr'Andriamanitra.
[9]Nandeha tao amin'ny zohy iray tany izy ary nitoetra tao amin'izany. Dia tonga taminy ny tenin'i Yaveh ary nilaza taminy hoe: "Inona no ataonao ato, ry Elia?" [10]Elia namaly hoe: "Be zotom-po ho an'i Yaveh, Andriamanitra tompon'ny maro aho, satria efa nahafoy ny fanekenao ny olon'Israely, nandrava ireo alitaranao, ary namono ireo mpaminaninao tamin'ny sabatra. Ankehitriny izaho, dia izaho irery, no sisa tavela ary mikasa ny hifofo ny aiko koa izy ireo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Yaveh namaly hoe: "Mivoaha ka mitsangàna eo amin'ny tendrombohitra eo anoloako." Ary nandalo i Yaveh, ka nisy rivotra mahery namely ny tendrombohitra ary namaky ireo vatolampy ho potipotika teo anatrehan'i Yaveh, kanefa tsy tao anatin'ny rivotra i Yaveh. Ary taorian'ny rivotra, dia nisy horohoron-tany tonga, kanefa tsy tao anatin'ny horohoron-tany i Yaveh. [12]Ary taorian'ny horohoron-tany dia tonga ny afo, kanefa tsy tao anatin'ny afo i Yaveh. Ary taorian'ny afo, dia nisy feo malefaka tonga.
[13]Rehefa ren'i Elia ilay feo, dia notakonany tamin'ny lambany ny tavany, nivoaka izy, ary nitsangana teo amin'ny fidiran'ilay zohy. Ary nisy feo tonga taminy nanao hoe: "Inona no ataonao eto, ry Elia?" [14]Elia namaly hoe: "Be zotom-po ho an'i Yaveh, Andriamanitra tompon'ny maro aho, fa ny olon'Israely nahafoy ny fanekenao, nandrava ireo alitaranao, ary namono ireo mpaminaninao tamin'ny sabatra. Ankehitriny, izaho dia izaho irery, no sisa tavela ary mikasa ny hifofo ny aiko koa izy ireo."
[15]Ary Yaveh nilaza taminy hoe: "Mandehana, miverena amin'ny lalanao ho any an'efitr'i Damaskosy, ary rehefa tonga any ianao dia hanosotra an'i Hazaela ho mpanjakan'i Syria, [16]ary ianao hanosotra an'i Jeho zanaka lahin'i Nimsy ho mpanjakan'ny Israely, ary ianao hanosotra an'i Elisa zanaka lahin'i Safata avy any Abela-mehola ho mpaminany handimby ny toeranao.
[17]Ary amin'izany dia hovonoin'i Jeho izay rehetra tafatsoaka tamin'ny sabatr'i Hazaela, hovonoin'i Elisa izay rehetra tafatsoaka amin'ny sabatr'i Jeho. [18]Kanefa Izaho hamela olona fito arivo ho ahy any Israely, ireo izay nandohalika ka tsy niankohoka tamin'ny Bala, sy ireo vava izay tsy mbola nanoroka azy."
[19]Ka niala teo i Elia ary nahita an'i Elisa zanaka lahin'i Safata, izay niasa niaraka tamin'ny ziogan'omby roa ambin'ny folo nanoloana azy, ary izy tenany ihany no niasa niaraka tamin'ny zioga faha-roa ambin'ny folo. Niampita nankeo amin'i Elisa i Elia ka nanarona ny lambany taminy. [20]Avy eo dia nandao ireo ombiny i Elisa ka nihazakazaka nanenjika an'i Elia; hoy izy: "Avelao re aho hanoroka ny raiko sy ny reniko, ary hanaraka anao aho avy eo." Dia hoy i Elia taminy: "Miverena ary, kanefa saino izay efa nataoko taminao."
[21]Ka niverina avy any amin'i Elia i Elisa ary naka ny ziogan'omby, namono ireo biby, ary nahandro ny hena tamin'ny hazo ziogan'omby. Dia nomeny ny olona izany ka nihinana izy ireo. Avy eo dia nitsangana izy, nanaraka an'i Elia ary nanompo azy.

20 [1]Nanangona ny tafiny hitambatra i Beni-hadada mpanjakan'i Syria. Nisy mpanjaka kely roa amby telopolo niaraka taminy, ary soavaly sy kalesy. Niakatra izy, nanao fahirano an'i Samaria sy niady nanohitra izany. [2]Nandefa iraka nankany amin'ny tanàna ho an'i Ahaba mpanjakan'Israely izy, ka niteny taminy hoe: "Izao no nolazain'i Beni-hadada hoe:
[3]'Ny volafotsinao sy ny volamenanao dia ahy. Ireo vadinao sy ny zanakao ihany koa, ireo tsara indrindra, dia ahy ankehitriny.'"
[4]Namaly ny mpanjakan'Israely ka nanao hoe: "Ho tanteraka araka ny teninao izany, ry mpanjaka, tompoko. Izaho sy izay rehetra hananako dia anao." [5]Tonga indray ireo iraka ka nanao hoe: "Izao no lazain' i Beni-hadada hoe: 'Nandefa teny taminao aho fa ianao dia tsy maintsy hanolotra ny volafotsinao, ny volamenanao, ireo vadinao, ary ireo zanakao ho ahy.
[6]Nefa haniraka ireo mpanompoko any aminao aho rahampitso amin'ny ora toy izao, ary hitady ny tranonao sy ny tranon'ireo mpanomponao izy ireo. Hisambotra amin'ny tanany izy ireo ka haka izay rehetra mafinaritra ny mason'izy ireo.'"
[7]Ary niantso ireo loholon'ny tany rehetra niaraka ny mpanjakan'Israely ka nanao hoe: "Mba raiso an-tsoratra ka jereo ny fomba hitadiavan'ity lehilahy ity olana. Efa nandefa teny tamiko izy mba hangalana ireo vadiko, ireo zanako, ary ny volafotsiko sy ny volamenako, ary tsy mbola nandà azy aho." [8]Ireo loholona rehetra sy ny vahoaka rehetra niteny tamin'i Ahaba hoe: "Aza mihaino azy na manaiky izay fangatahany."
[9]Dia hoy i Ahaba tamin'ireo irak'i Beni-hadada hoe: "Lazao ny mpanjaka tompoko hoe: 'Manaiky ny zavatra rehetra izay nanirahanao ny mpanomponao hatao tamin'ny voalohany aho, kanefa tsy afaka hanaiky ity fangatahana faharoa ity aho.'" [10]Ka lasa ireo iraka ary nitondra izany valin-teny izany teo amin'i Beni-hadada. Dia nandefa ny valin-teniny ho an'i Ahaba i Beni-hadada, ka nanao hoe: "Enga anie ireo andriamanitra hanao izany amiko ary mihoatra aza, raha ho ampy hanana eran'ny tanana avy amin'ny lavenon'i Samaria ireo vahoaka rehetra izay manaraka ahy."
[11]Namaly ny mpanjakan'Israely ka nanao hoe: "Lazao i Beni-hadada hoe: 'Tsy misy olona mametraka ny fiadiany, ka tokony hirehareha ho amin'ny nanesorany izany.'" [12]Dia nandre izany hafatra izany i Beni-hadada raha nisotro izy, dia izy sy ireo mpanjaka ambaniny izay tao anatin'ny lain'izy ireo. Beni-hadada nandidy ireo lehilahiny hoe: "Milahara ho amin'ny ady ianareo." Dia nanomana ny tenan'izy ireo ho amin'ny ady izy ireo mba hamely ny tanàna.
[13]Ary indro, nisy mpaminany tonga teo amin'i Ahaba mpanjakan'Israely ka nanao hoe: "Hoy i Yaveh: 'Efa hitanao ve ity tafika lehibe ity? Indro, hametraka izany eo an-tananao aho anio, ary ho fantatrao tokoa fa Izaho no Yaveh.'" [14]I Ahaba namaly hoe: "Amin'ny alalan'iza?" Dia namaly Yaveh ka nanao hoe: "Amin'ny alalan'ireo tanora manam-pahefana izay manompo ireo governoran'ny distrika." Dia Ahaba nanao hoe: "Iza no hanomboka ny ady?" Yaveh namaly hoe: "Ianao."
[15]Dia nanambatra ireo tanora manam-pahefana izay nanompo ny komandin'ny isan'antokony i Ahaba. Niisa 232 izy ireo. Taorian'izy ireo dia nanambatra ireo miaramila rehetra izy; ny tafik'Israely rehetra; niisa fito arivo.
[16]Nivoaka tamin'ny mitatao vovonana izy ireo. Beni-hadada dia efa avy nisotro ary nahamamo ny tenany tao an-dainy, izy sy ireo mpanjaka kely roa amby telopolo izay nanohana azy. [17]Ireo tanora manam-pahefana izay nanompo ny

komandin'ny isan'antokony no nandroso mialoha. Dia nampahalalain'ireo tily izay nirahiny i Beni-hadada hoe: "Misy lehilahy mivoaka avy ao Samaria."
[18]Hoy i Beni-hadada hoe: "Na tamin'ny filaminana na tamin'ny ady no nivoahan'izy ireo, dia sambory velona izy ireo."
[19]Dia nivoaka ny tanàna ireo tanora manam-pahefana izay nanompo ireo governoran'ny isan'antokony ary nanaraka azy ireo ny tafika.
[20]Namono ny fahavalony avy izy ireo ka nandositra ireo Syriana. Nanenjika azy ireo ny Israely. Beni-hadada mpanjakan'i Syria kosa nitsoaka tamin'ny soavaly niaraka tamin'ireo mpitaingin-tsoavaly sasany. [21]Ary nivoaka ny mpanjakan'Israely ka nanafika ireo soavaly sy ireo kalesy, ary namono ireo Syriana tamin'ny famonoana lehibe.
[22]Dia nanatona ny mpanjakan'Israely ny mpaminany ka niteny taminy hoe: "Mandehana, atanjaho ny tenanao, ka takaro sy omano izay ataonao, satria amin'ny herintaona dia hiakatra hanohitra anao indray ny mpanjakan'i Syria." [23]Ireo mpanompon'ny mpanjakan'ny Syria niteny taminy hoe: "Ny andriamanitr'izy ireo dia andriamanitry ny havoana. Izany no antony nampatanjaka azy ireo noho isika. Fa izao kosa andeha isika hiady amin'izy ireo eny amin'ny lemaka, ary ho azo antoka fa ho mafy noho izy ireo isika.
[24]Noho izany dia izao no tsy maintsy ataonao: esory eo amin'ny toeran'ny fahefany ireo mpanjaka rehetra ka soloy mpifehy miaramila izy ireo. [25]Manangàna tafika tahaka ny tafika maty teo—soavaly solon'ny soavaly ary kalesy solon'ny kalesy—mba hahafahantsika miady amin'izy ireo eny amin'ny lemaka. Dia ho azo antoka fa hahery noho izy ireo isika." Dia nihaino ny torohevitr'izy ireo i Beni-hadada ary nanao izay natoron'izy ireo.
[26]Taorian'ny fiantombohan'ny taom-baovao, dia nanambatra ireo Syriana i Beni-hadada ka niakatra ho any Afeka mba hiady amin'Israely. [27]Nangonina ireo vahoakan'Israely ary novatsiana mba hiady amin'izy ireo. Nitoby teo anoloan'izy ireo toy ny andian'osy kely roa toko ny vahoakan'Israely, nefa ireo Syriana nanenika ny tany.
[28]Dia nanatona akaiky ny lehilahin'Andriamanitra iray ka niteny tamin'ny mpanjakan'ny Israely hoe: "Hoy Yaveh hoe: 'Satria ireo Syriana efa niteny fa Yaveh dia andriamanitry ny havoana, fa tsy mba andriamanitr'ireo lohasaha, dia hapetrako eo an-tananao ity tafika lehibe ity, ary ho fantatrao fa Izaho no Yaveh.'"
[29]Dia nitoby nifanandrify ireo tafika nandritra ny fito andro. Ary nanomboka ny ady tamin'ny andro fahafito. Namono Syriana mpandeha an-tongotra 100. 000 ny vahoakan'Israely tanatin'ny iray andro. [30]Ny sisa nitsoaka tany Afeka, tao amin'ny tanàna, ary nianjera tamin'ireo lehilahy fito arivo sy roa alina izay tavela ny manda. Nitsoaka i Beni-hadada ka nankany amin'ny tanàna, tanaty efitrano iray.
[31]Niteny taminy ireo mpanompon'i Beni-hadada hoe: "Indro ankehitriny, renay fa ireo mpanjakan'ny zanak'Israely dia mpanjaka mpamindra fo. Mba avelao re izahay hisikina lamba fisaonana eo amin'ny valahanay sy tady eo amin'ny lohanay, ary hivoaka ho any amin'ny mpanjakan'Israely. Mety hamindra fo aminao angamba izy." [32]Ka nisikina lamba fisaonana teny am-balahany izy ireo sy tady teny an-dohan'izy ireo ary avy eo nankany amin'ny mpanjakan'Israely ka nanao hoe: "Beni-hadada mpanomponao niteny hoe: 'Mba avelao re aho ho velona.'" Hoy i Ahaba hoe: "Mbola velona ve izy? Rahalahiko izy."
[33]Ary nihaino izay ho famantarana avy tamin'i Ahaba ireo lehilahy, ka namaly azy faingana izy ireo hoe: "Eny, Beni-hadada rahalahinao dia velona." Ary hoy i Ahaba hoe: "Mandehana ary ento izy." Avy eo dia tonga teo aminy i Beni-hadada, ary tafakatra tany amin'i Ahaba tamin'ny kalesiny izy. [34]Beni-hadada niteny tamin'i Ahaba hoe: "Averiko aminao ireo tanàna izay nalain'ny raiko tamin'ny rainao, ary afaka manao fivarotana ho anao any Damaskosy ianao, tahaka ny nataon'ny raiko tany Samaria." Namaly i Ahaba hoe: "Avelako handeha miaraka amin'ity fifanekem-pihavanana ity ianao." Ka nanao fifanekem-pihavanana taminy i Ahaba ary avy eo namela azy handeha.
[35]Nisy lehilahy iray, iray amin'ireo zanaka lahin'ireo mpaminany, niteny tamin'ny iray tamin'ireo mpaminany namany tamin'ny tenin'i Yaveh hoe: "Mba velezo aho." Saingy nandà ny hamely azy ilay lehilahy. [36]Dia niteny tamin'ilay mpaminany namany ilay mpaminany hoe: "Satria ianao tsy nankatoa ny feon'i Yaveh, ka raha vao mandao ahy ianao, dia hisy liona hamono anao." Raha vao nandao azy ilay lehilahy, dia nisy liona niantsampy taminy ka namono azy.
[37]Avy eo dia nahita lehilahy hafa iray indray ilay mpaminany ary niteny hoe: "Mba veleso aho." Ka dia namely azy ilay lehilahy ary nandratra azy. [38]Dia niala ilay mpaminany ary niandry ny mpanjaka teo amoron-dalana; nanova ny endriny tamin'ny fatotra teo amin'ny masony izy.
[39]Raha nandalo iny ny mpanjaka, dia niantso mafy ny mpanjaka ilay mpaminany ary niteny hoe: "Nivoaka ho any anaty ady mangotraka ny mpanomponao, ary miaramila iray no nanakana sy nitondra fahavalo ho ahy ka niteny hoe: 'Jereo ity lehilahy ity. Raha tsy hita amin'ny fomba rehetra izy, dia ny ainao no homena ho solon'ny ainy, na raha tsy izany dia handoa talenta volafotsy ianao.' [40]Nefa satria ny mpanomponao dia mbola raikitra tamin'ny fandehanana tetsy sy teroa, dia nitsoaka ilay miaramila fahavalo." Avy eo dia niteny taminy ny mpanjakan'Israely hoe: "Izao no ho sazinao—ny tenanao izao mihitsy no efa nanapa-kevitra izany."
[41]Dia nanala faingana ny fatotra teny amin'ny masony ilay mpaminany, ary fantatry ny mpanjakan'Israely fa iray tamin'ireo mpaminany izy. [42]Hoy ilay mpaminany tamin'ny mpanjaka hoe: "Yaveh miteny hoe: 'Satria efa navelanao handeha avy teo an-tananao ilay lehilahy izay nodidiako ho faty, dia ny ainao no hisolo toerana ny ainy, ary ny vahoakanao ho solon'ny vahoakany.'" [43]Ka vinitra sy tezitra mafy ny mpanjakan'Israely nankany an-tranony, ary tonga tany Samaria.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

21 [1]Fotoana vitsy taty aoriana, nanana tanim-boaloboka tao Jezirela i Nabota ilay Jezirelita, teo akaikin'ny lapan'i Ahaba, mpanjakan'i Samaria. [2]Niresaka tamin'i Nabota i Ahaba nanao hoe: "Omeo ahy ny tanim-boalobokao, mba ho zaridainana legiomako izany, satria akaikin'ny tranoko. Ho takalon'izany, homeko tanim-boaloboka tsaratsara kokoa ianao, na raha tianao, dia homeko vola sandan'izany ianao.
[3]Nabota namaly an'i Ahaba hoe: "Ho raràn'i Yaveh anie izay tokony lovan'ireo razambeko omeko anao." [4]Ka dia nandeha tao amin'ny lapany tam-pahatezarana ary hasorenana i Ahaba nohon'ny valin-teny nomen'i Nabota ilay Jezerelita azy hoe: "Tsy homeko anao ny lovan'ireo razambeko." Nandry nitsilany teo am-pandriany izy, nanodina ny tavany, ary tsy nety nihinan-kanina izy.
[5]Jezebela vadiny nankao aminy ary nanao taminy hoe: "Nahoana no malahelo loatra ny fonao, izany ve no tsy hihinananao hanina?" [6]Namaly azy izy hoe: "Niresaka tamin'i Nabota ilay Jezirelita aho ary nanao taminy hoe: "Omeo ahy ny tanim-boalobokao atakaloko vola, na raha tianao dia homeko tanim-boaloboka hafa ho anao ianao.' Ary namaly ahy izy hoe: 'Tsy homeko anao ny tanim-boaloboko.'" [7]Ary Jezebela vadiny namaly azy hoe: "Fa tsy mbola manapaka ny fanjakan'ny Israely ve moa ianao? Mitsangàna ary misakafoana; aoka ho faly ny fonao. Ho alaiko ho anao ny tanim-boalobok'i Nabota ilay Jezirelita."
[8]Ary Jezebela nanoratra taratasy amin'ny anaran'i Ahaba, notombohany tamin'ny tombo-kaseny izany, ary nalefany tany amin'ireo loholona sy ireo mpanan-karena izay nipetraka niaraka taminy tao amin'ny fihaonana, ary ireo izay nipetraka akaikin'i Nabota izany. [9]Nosoratany tao amin'ny taratasy hoe: "Manambarà fifadian-kanina ary apetraho ambonin'ny vahoaka i Nabota. [10]Mametraha ihany koa olona tsy marina roa miaraka aminy ka aoka izy ireo hiampanga azy hoe: 'Nanozona an'Andriamanitra sy ny mpanjaka ianao.'" Ary avoahy izy ka toraho vato ho faty.
[11]Ka nanao izay nofariparitan'i Jezebela tamin'izy ireo, araka ny voasoratra ao amin'ny taratasy izay nalefany ho azy ireo ny lehilahin'ny tanànany, ireo loholona sy ny mpanankarena izay nipetraka tao amin'ny tanànan'i Nabota. [12]Nanambara fifadian-kanina sy nametraka an'i Nabota teo ambonin'ny vahoaka izy ireo. [13]Niditra ireo lehilahy tsy marina roa ary nipetraka teo anoloan'i Nabota; niampanga an'i Nabota teo amin'ny fanatrehan'ny vahoaka izy ireo, ka nanao hoe: "Nanozona an'Andriamanitra sy ny mpanjaka i Nabota." Ary dia nentin'izy ireo nivoaka ny tanana izy ka notoraham-bato ho faty. [14]Avy eo ireo loholona dia nandefa teny tany amin'i Jezebela nanao hoe: "Notoraham-bato i Nabota ka maty."
[15]Ary rehefa ren'i Jezebela fa notoroham-bato i Nabota ka maty, dia hoy izy tamin'i Ahaba: "Mitsangàna ary alaivo ho fananana ny tanim-boalobok'i Nabota ilay Jezirelita, izay nandà ny hanome anao ny vola ho sandany, satria efa tsy velona intsony i Nabota, fa efa maty." [16]Rehefa ren'i Ahaba fa maty i Nabota, dia nitsangana izy ary nidina tany amin'ny tanim-boalobok'i Nabota ilay Jezirelita ary naka izany ho fananana.
[17]Ary tonga tamin'i Elia ilay Tisbita ny tenin'i Yaveh manao hoe: [18]"Mitsangàna ary mandehana mihaona amin'i Ahaba mpanjakan'Israely, izay mipetraka any Samaria. Ao amin'ny tanim-boalobok'i Nabota izy, any amin'izay nandehanany mba ho alainy ho fananana.
[19]Tsy maintsy miresaka aminy ianao ary lazao hoe izao no lazain'i Yaveh: 'Sady efa namono ve ianao no mbola naka ho fananao ihany koa?' Ary holazainao azy hoe izao no lazain'Yaveh: "Eo amin'ny toerana izay nilelafan'ny amboa ny ràn'i Nabota, no hilelafan'ny amboa ny ràn'ao koa, eny, ny ràn'ao.'" [20]Hoy i Ahaba tamin'i Elia: "Efa nahita ahy ve ianao, ry fahavaloko?" dia namaly i Elia hoe: 'Efa hitako ianao, satria efa nivarotra ny tenanao mba hanao izay ratsy eo imason'i Yaveh ianao.
[21]Izao no lazain'Yaveh aminao: 'Indro, hitondra loza eo aminao sy hanimba tanteraka ary hamongotra eo aminao ny zanaka lahy rehetra sy ny andevo ary ny lehilahy afaka ao Israely Aho. [22]Hataoko tahaka ny fianakavian'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata ny fianakavianao, ary tahaka ny fianakavian'i Basa zanaka lahin'i Ahia, satria nihantsy Ahy tamin'ny fahatezarana ary nitondra an'ny Israely hanota ianao.'
[23]Yaveh ihany koa dia niresaka momban'i Jezebela hoe: 'Hihinana an'i Jezebela eo akaikin'ny mandan'i Jezirela ny amboa.'
[24]Izay an'i Ahaba rehetra ka maty tao an-tanàna, dia hohanin'ny amboa; ary ireo vorona eny amin'ny lanitra hihinana ireo rehetra izay maty eny an-tsaha."
[25]Tsy nisy olona tahaka an'i Ahaba, izay nivarotra ny tenany mba hanao izay ratsy eo imason'i Yaveh, izay namporisihan'i Jezebela vadiny hanota. [26]Nanao asa vetaveta ho an'ny sampy arahiny i Ahaba, tahaka izay rehetra efa nataon'ireo Hamorita, ireo izay nesorin'i Yaveh teo anatrehan'ny olon'ny Israely.
[27]Rehefa ren'i Ahaba ireo teny ireo, dia nandriatra ny akanjony izy ary nanao akanjo fisaonana ka nifady hanina, ary nandry tamin'ny akanjo fisaonana sy tena nalahelo mafy. [28]Ary tonga tamin'i Elia ilay Tisbita ny tenin'i Yaveh hoe:
[29]"Hitanao ve ny fanetren-tenan'i Ahaba eto anatrehako? Satria manetry ny tenany eto anatrehako izy, dia tsy hitondra ny loza efa ho avy amin'ireo androny Aho; amin'ny andron'ny zanany lahy no hitondrako loza eo amin'ny fianakaviany."

22 [1]Nandritra ny telo taona lasa dia tsy nisy ady teo amin'i Arama sy i Israely. [2]Ary tamin'ny taona fahatelo, dia nidina tany amin'ny mpanjakan'i Israely i Josafata mpanjakan'i Joda.
[3]Ary ny mpanjakan'i Israely dia efa niteny tamin'ny mpanompony hoe: "Mba fantatrareo ve fa Ramota-gileada dia antsika, saingy tsy manao na inona na inona isika mba hakana izany eo an-tanan'i mpanjakan'i Arama?" [4]Dia hoy izy tamin'i Josafata: "Hiaraka amiko hiady any Ramota-gileada ve ianao?" Josafata namaly ny mpanjakan'i Israely hoe: "Izaho dia tahaka anao, ny vahoakako dia tahaka ny vahoakanao, ary ireo soavaliko dia tahaka ireo soavalinao."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Hoy i Josafata tamin'ny mpanjakan'Israely hoe: "Mitadiava re tari-dalana avy amin'ny tenin'i Yaveh ny amin'izay tokony hataonao voalohany." [6]Dia nampivory ireo mpaminany niaraka ny mpanjakan'Israely, lehilahy efajato, ary teneno izy ireo hoe: "Tokony ho any Ramota-gileada ve aho mba hiady, sa tsy tokony?" Dia hoy izy ireo hoe: "Manafiha, fa ny Tompo hanome izany ho eo an-tanan'ny mpanjaka."
[7]Fa hoy i Josafata hoe: "Tsy misy mpaminanin'Andriamanitra hafa izay mety hahazoantsika hevitra intsony ve eto?" [8]Dia hoy ny mpanjakan'Israely tamin'i Josafata hoe: "Mbola misy lehilahy iray izay mety hahazoantsika hevitra avy amin'i Yaveh mba ho fanampiana, Mikaia zanaka lahin'i Jimia, saingy halako izy satria tsy mba maminany zavatra tsara mahakasika ahy, fa loza ihany." Fa hoy i Josafata hoe: "Tsy hiteny izany anie ny mpanjaka." [9]Dia niantso manam-pahefana iray ny mpanjakan'i Israely ary nanome baiko hoe: "Ento aty i Mikaia zanaka lahin'i Imla, izao dia izao."
[10]Ary i Ahaba mpanjakan'Israely sy i Josafata mpanjakan'i Joda dia samy nipetraka tamin'ny seza fiandrianana avy, niakanjo ny akanjon'izy ireo, teo amin'ny toerana malalaka teo amin'ny fidiran'ny vavahadin'i Samaria, ary ireo mpaminany rehetra dia naminany teo alohan'izy ireo. [11]Zedekia zanaka lahin'i Kenana tenany dia nanao tandroka vy ary niteny hoe: "Izao no voalazan'i Yaveh: 'Amin'ireto no hanotoanao ny Syriana mandra-paharingany.'" [12]Ary ny mpaminany rehetra naminany nitovy, nanao hoe: "Tafiho Ramota-gileada ka mahazoa fandresena, fa i Yaveh efa nanolotra azy ho eo an-tanan'ny mpanjaka."
[13]Ny mpitondra hafatra izay nandeha niantso an'i Mikaia niteny taminy, nanao hoe: "Indro ankehitriny, ny tenin'ireo mpaminany dia manambara zavatra tsara ho an'ny mpanjaka tamin'ny vava iray. Aoka re ny teninao mba ho tahaka ny iray amin'ireo ary milaza zavatra tsara." [14]Dia namaly Mikaia hoe: "Raha mbola velona koa i Yaveh, dia izay lazain'i Yaveh amiko no ho lazaiko." [15]Rehefa tonga teo amin'ny mpanjaka izy, dia hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Ry Mikaia, tokony handeha hiady any Ramota-Gileada ve izahay, sa tsia?" Mikaia namaly azy hoe: "Manafiha ka mandrese. Hanolotra azy ho eo an-tanan'ny mpanjaka i Yaveh."
[16]Ary hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Impiry moa aho no nila anao hianiaiana mba tsy hiteny na inona na inona amiko amin'ny anaran'i Yaveh afa-tsy ny marina ihany?" [17]Dia hoy i Mikaia hoe: "Hitako niely teny an-tendrombohitra ny Israely rehetra, tahaka ny ondry tsy misy mpiandry, ary Yaveh nanao hoe: 'Tsy manana mpiandry ireo. Aoka ny lehilahy tsirairay hody soa aman-tsara any an-tranony.'"
[18]Dia hoy ny mpanjakan'Israely tamin'i Josafata hoe: "Tsy efa niteny taminao ve aho fa tsy mety maminany zavatra tsara mahakasika ahy izy, fa loza ihany?" [19]Dia hoy Mikaia hoe: "Noho izany henoy ny tenin'i Yaveh: nahita an'i Yaveh nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany aho, ary ireo miaramilan'ny lanitra rehetra dia nijoro teo akaikiny teo an-kavanany sy teo an-kaviany. [20]Hoy i Yaveh hoe: "Iza no hitaona an'i Ahaba, mba hiakatra izy ka ho lavo any Ramota-gileada?' Ny iray tamin'izy ireo niteny izao ary ny iray hafa niteny izao.
[21]Avy eo dia nisy fanahy iray nandroso, nijoro teo anoloan'i Yaveh, ka nanao hoe: 'Izaho no hitaona azy.' Dia hoy Yaveh taminy hoe: 'Amin'ny fomba ahoana?' [22]Dia namaly ilay fanahy hoe: 'Hivoaka aho ary ho fanahy mandainga eo am-bavan'ireo mpaminaniny rehetra.' Yaveh namaly hoe: 'Hahataona azy ianao, ary hahomby ihany koa. Koa mandehana ary ataovy izany.' [23]Dia indro, Yaveh nametraka fanahy mandainga teo am-bavan'ireo mpaminaninao rehetra ireo, ary Yaveh efa nilaza loza ho anao."
[24]Ary Zedekia zanaka lahin'i Kenana, niakatra, namelaka ny takolak'i Mikaia, sady nanao hoe: "Taiza no lalan'ny fanahin'i Yaveh niala tamiko mba hiteny aminao?" [25]Dia hoy i Mikaia hoe: "Indro, ho fantatrao izany amin'izany andro izany, rehefa miditra ny efitra anatiny mba hiafina ianao."
[26]Hoy ny mpanjakan'Israely tamin'ny mpanompony hoe: "Sambory Mikaia ary ento any amin'i Amona, ilay governoran'ny tanàna, ary any amin'i Joasy, zanako lahy. [27]Lazao izy hoe: 'Ampidiro am-ponja ity lehilahy ity hoy ny mpanjaka, ary fahano mofo kely sy rano kely fotsiny izy, mandra-pahatongako soa aman-tsara. [28]Ary hoy i Mikaia hoe: "Raha tahiany ka tafaverina soa aman-tsara ianao, dia tsy nampitenenin'i Yaveh aho tsy akory." Ary nampiany hoe: "Henoy izany, ry vahoaka rehetra."
[29]Dia niakatra ho any Ramota-gileada i Ahaba, mpanjakan'Israely, sy Josafata, mpanjakan'i Joda. [30]Ny mpanjakan'i Israely niteny tamin'i Josafata hoe: "Hody olon-kafa aho ary hirotsaka ao anaty ady, fa ianao kosa hanao ny akanjon'ny mpanjaka ihany." Dia nody ho olon-kafa ny mpanjakan'Israely ka nirotsaka tany anaty ady.
[31]Dia nandidy ny kapitenin'ny kalesiny roa amby telopolo ny mpanjakan'i Syria, nanao hoe: "Aza manafika ny miaramila kely na ny lehibe. Fa ny mpanjakan'i Israely ihany no tafiho." [32]Ary rehefa nahita an'i Josafata ireo kapitenin'ny kalesy dia nanao hoe: "Iny tokoa no mpanjakan'Israely." Nihodina izy ireo mba hamely azy, ka niantsoantso mafy i Josafata. [33]Ary rehefa hitan'ireo mpifehy ny kalesy fa tsy iny no mpanjakan'i Israely, dia niverina tamin'ny fanenjehana azy izy ireo.
[34]Fa nisy lehilahy iray nandefa ny zana-tsipìkany kitoatoa ary nahavoa ny mpanjakan'i Israely teo anelanelan'ireo fiarovan-tratrany. Ary i Ahaba niteny tamin'ny mpamily ny kalesiny hoe: "Mihodìna ka ento mivoaka ny ady aho, fa naratra mafy aho."
[35]Nihamafy ny ady tamin'izany andro izany ary ny mpanjaka dia notohanana hitsangana tao amin'ny kalesiny nanatrika ny Syriana. Maty izy nony hariva. Nijininika avy teo amin'ny ratrany ka hatrany amin'ny vodi-kalesy ny rà. [36]Ary nony efa hilentika ny masoandro, dia nisy antsoantso mafy nanerana ny tafika, nanao hoe: "Samia mody any amin'ny tanànany avy ny lehilahy rehetra; ary samia mody any amin'ny faritaniny avy ny lehilahy rehetra!"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[37]Dia maty i Ahaba mpanjaka ary nentina tany Samaria, ka nalevin'izy ireo tao Samaria izy. [38]Nosasan'izy ireo teo amin'ny farihin'i Samaria ny kalesy, ary nolelafin'ny amboa ny ràny (teo no fandron'ireo vehivavy janga), araka izay efa nambaran'ny tenin'i Yaveh.
[39]Ary ny raharaha hafa mahakasika an'i Ahaba, sy izay rehetra nataony, ny trano ivory izay naoriny, ary ireo tanàna rehetra izay naoriny, moa ve tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ny mpanjakan'Israely ireo? [40]Ary nodimandry tany amin'ireo razambeny i Ahaba, ka i Ahazia zanany lahy no lasa mpanjaka nandimby ny toerany.
[41]Ary i Josafata zanaka lahin'i Asa nanomboka nanjaka nanerana an'i Joda tamin'ny taona faha-efatra nanjakan'i Ahaba mpanjakan'Israely. [42]Dimy amby telopolo taona i Josafata no nanomboka nanjaka, ary nanjaka tao Jerosalema nandritra ny dimy amby roapolo taona izy. Azoba no anaran-dreniny, ilay zanaka vavin'i Sily.
[43]Nanaraka ny fomban'i Asa rainy izy; tsy niala tamin'ireo izy; nanao izay marina teo imason'i Yaveh izy. Kanefa ny toerana avo dia tsy mba noravàna. Fa ny vahoaka mbola nanao sorona sy nandoro ditin-kazo manitra teo amin'ireo toerana avo ihany. [44]Ary i Josafata nihavana tamin'ny mpanjakan'i Israely.
[45]Ary ny raharaha hafa mahakasika an'i Josafata, sy ny hery izay nasehony, ary ny fomba niadiany, moa ve ireo tsy efa voasoratra ao anatin'ny bokin'ny tantaran'ny mpanjakan'i Joda? [46]Nesoriny teo amin'ny tany ireo sisa tavela tamin'ny olona nanolo-tena hijangajanga ho fanompoan-tsampy izay mbola tamin'ny andron'i Asa rainy. [47]Tsy nisy mpanjaka tao Edoma, fa olona voatendry no nitondra tao.
[48]Josafata nanao sambo fitaterana an-dranomasina; nandeha nankany Ofira izy ireo haka volamena, kanefa tsy lasa satria nikatso tao Ezion-gebera ireo sambo. [49]Dia hoy Ahazia zanaka lahin'i Ahaba tamin'i Josafata hoe: "Aoka mba hiara-hiantsambo amin'ny mpanomponao ny mpanompoko." Fa i Josafata tsy namela izany. [50]Nodimandry tany amin'ireo razambeny i Josafata ary nalevina niaraka tamin'izy ireo tao an-tanànan'i Davida, razambeny; ary Jerohama zanany lahy no lasa mpanjaka nandimby ny toerany.
[51]Ahazia zanaka lahin'i Ahaba dia nanomboka nanjaka nanerana an'Israely tany Samaria tamin'ny taona faha-fito ambin'ny folo nanjakan'i Josafata mpanjakan'i Joda, ary nanjaka roa taona teo amin'i Israely izy. [52]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy ary nanaraka ny fomban'ny rainy, tamin'ny fomban'ny reniny, ary tamin'ny fomban'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata, izay nitarihany ny Israely hanota. [53]Nanompo an'i Bala sy nivavaka taminy izy ary nanao izay nahatezitra an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, tahaka ny efa nataon-drainy ihany.

Mpanjaka faharoa

1 [1]Taorian'ny nahafatesan'i Ahaba dia nikomy hanohitra an'Israely i Moaba. [2]Dia nikarapoka teo amin'ny makarakara tao amin'ny efitranony ambony tao Samaria i Ahazia, ary naratra. Ka nalefany ireo mpitondra ny hafany ary hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Mandehana, manontania an'i Bala-zeboba, andriamanitr'i Ekrona, raha ho sitrana amin'ity ratrako ity aho."
[3]Fa ny anjelin'i Yaveh nilaza tamin'i Elia Tisbita hoe: "Miaingà, miakara hihaona amin'ireo mpitondra ny hafatry ny mpanjakan'i Samaria, ary anontanio amin'izy ireo hoe: 'Satria ve tsy misy Andriamanitra ao Israely no handeha haka hevitra any amin'i Bala-zeboba, andriamanitr'i Ekrona ianao? [4]Noho izany dia hoy i Yaveh hoe: "Tsy hidina avy eo amin'ny fandrianao izay efa niakaranao ianao; fa kosa, ho faty tokoa ianao."" Avy eo dia lasa i Elia.
[5]Rehefa niverina tany amin'i Ahazia ireo mpitondra hafatra, dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Fa ahoana no niverina ianareo?" [6]Hoy izy ireo taminy: "Nisy lehilahy iray nihaona taminay nilaza hoe: 'Miverena any amin'ny mpanjaka izay nandefa anareo, ary lazao azy hoe: "Izao no lazain'i Yaveh: 'Satria ve tsy misy Andriamanitra ao Israely no nandefa ny olonao haka hevitra any amin'i Bala-zeboba, andriamanitr'i Ekrona ianao? Ka noho izany dia tsy hidina avy eo amin'ny fandrinao izay efa niakaranao ianao; fa kosa, ho faty tokoa ianao."'"
[7]Ahazia niteny tamin'ireo mpandefa ny hafany hoe: "Lehilahy tahaka ny ahoana, izany olona nihaona taminareo ary nilaza ireo teny ireo izany?" [8]Izy ireo namaly azy hoe: "Nitafy akanjo vita amin'ny volo izy ary fehin-kibo hoditra teo amin'ny andilany." Ary ny mpanjaka namaly hoe: "Elia Tisbita izany."
[9]Ary nandefa kapiteny miaraka amin'ny miaramila dimampolo ho any amin'i Elia ny mpanjaka. Niakatra tany amin'i Elia izay nipetraka tany an-tampon-kavoana ilay kapiteny. Hoy ilay kapiteny taminy hoe: "Ianao, ry lehilahin'Andriamanitra, nilaza ny mpanjaka hoe: 'Midìna.'" [10]Elia namaly ary nilaza tamin'ilay kapiteny hoe: "Raha lehilahin'Andriamanitra aho, aoka hilatsaka avy eny amin'ny lanitra ny afo ary handevona anao sy ireo dimampolo lahinao." Dia nilatsaka avy teny amin'ny lanitra ny afo ary nandevona azy sy ireo dimampolo lahiny.
[11]Nandefa kapiteny hafa indray niaraka tamin'ireo miaramila dimampolo ho any amin'i Elia i Ahazia mpanjaka. Hoy koa izany kapiteny izany tamin'i Elia hoe: "Ianao, ry lehilahin'Andriamanitra, nilaza ny mpanjaka hoe: 'Midìna faingana.'"
[12]Elia namaly ary nilaza tamin'izy ireo hoe: "Raha lehilahin'Andriamanitra aho, aoka hilatsaka avy eny amin'ny lanitra ny afo ary handevona anao sy ireo dimampolo lahinao." Dia nilatsaka avy teny amin'ny lanitra indray ny afon'Andriamanitra ary nandevona azy sy ireo dimam-polo lahiny.
[13]Mbola nandefa vondrona mpiady dimampolo fanintelony indray ny mpanjaka. Niakatra io kapiteny io, nandohalika teo anoloan'ny Elia izy, ary niangavy azy sy nilaza taminy hoe: "Ianao, ry lehilahin'Andriamanitra, mangataka aminao aho, aoka ho sarobidy eo imasonao ny aiko sy ny ain'ireto mpanomponao dimampolo ireto. [14]Eny tokoa, nilatsaka avy eny amin'ny lanitra ny afo ary nandevina ireo kapiteny anankiroa voalohany mbamin'ireo lehilahiny, fa ankehitriny aoka ho sarobidy eo imasonao ny aiko."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Ary ny anjelin'i Yaveh nilaza tamin'i Elia hoe: "Midìna miaraka aminy. Aza matahotra azy." Ka nitsangana Elia ary nidina niaraka taminy ho any amin'ny mpanjaka. [16]Taoriana kelin'izany dia hoy Elia tamin'i Ahazia hoe: "Izao no nolazain'i Yaveh: 'Efa nandefa mpitondra hafatra haka hevitra tany amin'i Bala-zeboba, andriamanitr'i Ekrona ianao. Satria ve tsy misy Andriamanintra ao Israely izay afaka angatahinao fampahafantarana? Koa ankehitriny, tsy hidina avy eo amin'ny fandriana izay niakaranao ianao; fa ho faty tokoa ianao.'"
[17]Dia maty araka ny tenin'i Yaveh izay nolazain'i Elia i Ahazia mpanjaka. Jorama no nanomboka nanjaka teo amin'ny toerany, tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Jehorama zanak'i Josafata mpanjakan'i Joda, satria tsy nanan-janaka i Ahazia.
[18]Ary ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Ahazia, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ny mpanjakan'Israely ve izany?

2 [1]Ary rehefa handeha hampiakatra an'i Elia tamin'ny tafio-drivotra ho any an-danitra i Yaveh, dia niala tao Gilgala niaraka tamin'i Elisa i Elia. [2]Hoy i Elia tamin'i Elisa: "Mba mijanòna re eto, satria efa naniraka ahy ho any Betela i Yaveh." Namaly Elisa hoe: "Raha mbola velona koa i Yaveh, ary raha mbola velona koa ianao, dia tsy handao anao aho." Dia nidina tany Betela izy ireo.
[3]Nankany amin'i Elisa ireo zanaky ny mpaminany izay tany Betela ary niteny taminy hoe: "Fantatrao ve fa haka ny tomponao aminao i Yaveh androany?" Namaly Elisa hoe: "Eny, fantatro izany, fa aza miresaka momba izany." [4]Hoy i Elia taminy: "Elisa, mba miandrasa eto re, satria efa naniraka ahy ho any Jeriko i Yaveh." Dia namaly Elisa hoe: "Raha mbola velona koa i Yaveh, ary raha mbola velona koa ianao, dia tsy handao anao aho." Dia nandeha tany Jeriko izy ireo.
[5]Dia nankany amin'i Elisa ireo zanaky ny mpaminany izay tany Jeriko ary niteny taminy hoe: "Fantatrao ve fa haka ny tomponao aminao i Yaveh androany?" Dia namaly Elisa hoe: "Eny, fantatro izany, fa aza miresaka momba izany." [6]Dia hoy Elia taminy: "Mba mijanòna re, fa Yaveh efa naniraka ahy ho any Jordana." Namaly Elisa hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh, ary raha mbola velona koa ianao, dia tsy handao anao aho." Dia nandeha izy roa.
[7]Taty aoriana kely, nisy dimampolo tamin'ireo zanaky ny mpaminany nitsangana nifanatrika tamin'izy ireo teny lavitra raha nitsangana teo amoron'i Jordana izy roa. [8]Nalain'i Elia ny lambany, nahorongorony, ary nokapohiny tamin'izany ny rano. Nizara tamin'ny lafiny roa ny renirano ka nandeha tamin'ny tany maina izy roa.
[9]Ary rehefa avy niampita izy ireo, dia hoy Elia tamin'i Elisa: "Angataho amiko izay tokony ho ataoko ho anao mialohan'ny hakana ahy aminao." Namaly Elisa hoe: "Aoka re mba ho tonga amiko ny avo roa henin'ny anjara fanahinao." [10]Namaly Elia hoe: "Efa nangataka zavatra sarotra ianao. Na izany aza, raha hitanao aho rehefa alàna aminao, dia hitranga aminao izany, fa raha tsia, dia tsy hitranga izany."
[11]Raha mbola nandeha sy niresaka izy ireo, indro, nisy kalesy afo sy soavaly afo niseho, izay nanasaraka azy roa lahy, ary niakatra tamin'ny tafio-drivotra tany an-danitra i Elia. [12]Nahita izany Elisa ka nihiaka mafy hoe: "Raiko o, raiko o, ireo kalesin'Israely sy ireo mpitaingina izany!" Tsy hitany intsony i Elia, ka nohazoniny ireo akanjony ary norovitiny roa ireo.
[13]Nalainy ny lamban'i Elia izay latsaka avy teny aminy, ary niverina mba hijoro teo amoron'i Jordana izy. [14]Nokapohiny tamin'ny lamban'i Elia izay latsaka ny rano ary hoy izy: "Aiza i Yaveh, Andriamanitr'i Elia?" Rehefa nikapoka ny rano izy, dia nizara teo amin'ny lafiny roa ireo ka niampita i Elisa.
[15]Rehefa hitan'ireo zanaky ny mpaminany izay avy any Jeriko teo ampitan'izy ireo izy, dia hoy izy ireo: "Mitoetra ao amin'i Elisa ny fanahin'i Elia!" Dia tonga mba hitsena azy izy ireo, ary niankohoka tamin'ny tany teo anatrehany. [16]Hoy izy ireo taminy: "Indro ankehitriny, misy lehilahy mahery dimampolo eo amin'ireo mpanomponao. Avelao izy ireo handeha, mangataka izahay, mba hitady ny tomponao, sao dia nampiakarina sy natsipin'ny fanahin'i Yaveh any amin'ny tendrombohitra na any amin'ny lohasaha izy." Namaly Elisa hoe: "Tsia, aza maniraka azy ireo."
[17]Nefa rehefa namporisika an'i Elisa mandra-pahamenatra azy izy ireo, dia hoy izy: "Iraho izy ireo." Dia naniraka lehilahy dimampolo izy ireo, ary nitady nandritra ny telo andro izy ireo, kanefa tsy nahita azy. [18]Niverina tany amin'i Elisa izy ireo, raha nitoetra tao Jeriko izy, dia hoy izy tamin'izy ireo: "Tsy niteny taminareo ve aho hoe: 'Aza mandeha'?"
[19]Ireo olon'ny tanàna niteny tamin'i Elisa hoe: "Indro, miangavy anao izahay, ny zava-misy eto amin'ity tanàna ity dia mahafinaritra, araka izao hitan'ny tompoko izao, nefa ratsy ny rano ary tsy mamokatra ny tany." [20]Namaly Elisa hoe: "Itondray lovia vaovao aho ka asio sira ao anatiny," dia nitondra izany teo aminy izy ireo.
[21]Nivoaka nankany amin'ny loharano Elisa ary nanipy sira tao anatin'izany; dia hoy izy hoe: "Izao no lazain'i Yaveh: 'Efa nanasitrana ireo rano ireo Aho. Manomboka amin'izao fotoana izao, dia tsy hisy fahafatesana na tany tsy mahavokatra intsony.'" [22]Koa dia sitrana ireo rano mandraka androany, tamin'ny alalan'ny teny izay nolazain'i Elisa.
[23]Dia niakatra avy tao ho any Betela Elisa. Rehefa niakatra ny lalany izy, dia nisy tovolahy nivoaka ny tanàna ary nanevateva azy; hoy izy ireo taminy: "Miakara, ianao ry solaloha! Miakara, ianao ry solaloha!" [24]Nijery tany aoriany Elisa ary nahita azy ireo; niantso an'i Yaveh izy mba hanozona azy ireo. Dia nisy beravavy roa nivoaka avy tao an'ala ka nandratra roa amby efapolo tamin'ireo tovolahy. [25]Dia niala teo ho any an-tendrombohitra Karmela i Elisa, ary avy teo no niverenany ho any Samaria.

3 [1]Tamin'ny taona fahavalo ambin'ny folo nanjakan'i Josafata mpanjakan'i Joda, no nanomboka nanjaka teo amin'Israely tao Samaria i Jorama zanaka lahin'i Ahaba; nanjaka nandritra ny roa ambin'ny folo taona izy. [2]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy, fa tsy mba tahaka ny rainy sy ny reniny; fa nesoriny ny tsangam-bato masina an'i Bala izay

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

namboarin'ny rainy. [3]Na izany aza dia nihazona ireo fahotan'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata izy, izay nampanota an'i Israely, tsy nivily tamin'izany izy.
[4]Ary i Mesa mpanjakan'i Moaba dia niompy ondry. Tsy maintsy nanome zanak'ondry 100. 000 sy volon'ondry lahy 100. 000 ho an'ny mpanjakan'Israely izy. [5]Fa taorian'ny nahafatesan'i Ahaba, dia nikomy nanohitra ny mpanjakan'Israely ny mpanjakan'i Moaba. [6]Ary nandao an'i Samaria i Jorama mpanjaka tamin'izany fotoana izany mba hanentana ny Israely rehetra ho amin'ny ady.
[7]Nandefa hafatra tamin'i Josafata mpanjakan'i Joda izy, nilaza hoe: "Efa nikomy hanohitra ahy ny mpanjakan'i Moaba. Handeha hiaraka amiko hifanandrina amin'i Moaba ve ianao?" Namaly i Josafata hoe: "Handeha aho, tahaka anao ihany aho, ny oloko dia toy ny olonao, ireo soavaliko dia toy ireo soavalinao." [8]Ary niteny izy avy eo hoe: "Amin'ny lalana aiza no tokony hanafihantsika?" Namaly i Josafata hoe: "Amin'ny lalana mamaky ny efitr'i Edoma."
[9]Ka nandeha nihodidina nandritra ny fito andro ireo mpanjakan'Israely, Joda, ary Edoma. Tsy nahitana rano ho an'ny tafik'izy ireo, na ho an'ireo soavaliny sy ireo biby hafa. [10]Koa niteny ny mpanjakan'Israely hoe: "Fa inona ity? Moa ve niantso mpanjaka telo hatolotra ho eo an-tanan'i Moaba i Yaveh?"
[11]Kanefa nilaza i Josafata hoe: "Tsy misy mpaminanin'i Yaveh ve eto, hahafahantsika maka torohevitra amin'i Yaveh amin'ny alalany?" Ary namaly ny iray tamin'ny mpanompon'ny mpanjakan'i Israely nanao hoe: "Eto i Elisa zanaka lahin'i Safata, izay nandraraka rano teo an- tanan'i Elia." [12]Hoy i Josafata: "Momba azy ny tenin'i Yaveh." Ka nidina nankany aminy, i Josafata, mpanjakan'Israely, ary ny mpanjakan'i Edoma.
[13]Hoy i Elisa tamin'ny mpanjakan'Israely: "Mpifaninona moa izaho sy ianao? Mandehana mankany amin'ireo mpaminanin'ny rainao sy reninao." Ka niteny taminy ny mpanjakan'Israely hoe: "Tsia, satria i Yaveh niantso ireto mpanjaka telo ireto niaraka mba hanolotra azy ho eo an-tanan'i Moaba." [14]Namaly i Elisa: "Raha mbola velona koa i Yaveh tompon'ny maro, izay eo anatrehany no hijoroako, raha tsy nohon'ny fanajako ny fanatrehan'i Josafata mpanjakan'i Joda, dia tsy nihaino anao aho, na nijery anao akory.
[15]Fa ankehitriny hitondrao mpitendry zava-maneno aho." Ary rehefa nitendry ny mpitendry lokanga, dia tonga teo amin'i Elisa ny tanan'i Yaveh. [16]Nilaza izy hoe: "Izao no nambaran'i Yaveh, 'Fenoy hady kely io lohasahan-driaka maina io.' [17]Fa hoy i Yaveh: 'Tsy hahita rivotra ianao, na orana, fa ho dibo-drano io lohasahan-driaka io, ary hisotro ianareo, ianareo sy ny biby fiompinareo sy ny bibinareo rehetra.'
[18]Izany dia zavatra mora eo imason'i Yaveh. Hanome anareo fandresena eo amin'ireo Moabita ihany koa Izy. [19]Hanafika ny tanàna voaaro mafy sy tanàna tsara rehetra ianareo, hanapaka ny hazo tsara rehetra, hanajanona ny loharano rehetra, ary handrava ireo tany tsara rehetra amin'ny vato."
[20]Koa tamin'ny maraina nanodidina ny fotoana fanolorana ny sorona, dia nisy rano nikoriana avy any Edoma; dibo-drano ny tany.
[21]Ary nony nandre ireo Moabita rehetra fa tonga hiady aminy ireo mpanjaka, dia niara-niangona izy ireo, ireo rehetra afaka nanao akanjo fiarovana, ka nitsangana teo amin'ny sisin-tany izy ireo. [22]Nifoha maraina izy ireo ary ny masoandro nitaratra teo amin'y rano. Nony nahatazana ny rano teo ampitany ireo Moabita, dia niloko mena tahaka ny rà izany.
[23]Nihoraka mafy izy ireo hoe: "Rà io! Tena ringana tokoa ireo mpanjaka, ary nifamono izy ireo! Ankehitriny ary, ry Moaba, andeha isika handroba azy ireo!"
[24]Nony nankany amin'ny tobin'Israely izy ireo, nanampoka ireo Israelita izy ireo ka nanafika ireo Moabita, izay nandositra teo anatrehany. Notaritin'ny tafik'Israely nanerana ny tany ireo Moabita, dia novonoiny izy ireo. [25]Nopotehiny ireo tanàna, ary ny velaran-tany tsara rehetra dia nofafazan'ny lehilahy rehetra vato mandra-paharakotra izany. Notapenan'izy ireo ny loharano rehetra, nokapain'izy ireo ny hazo tsara rehetra. Ary Kira-haresa sisa no tavela tsy nihetsika ny vatony. Fa nodidinin'ireo miaramila mpitana antsamotady izany ary notafihany.
[26]Nony hitan'i Mesa mpanjakan'i Moaba fa resy an'ady izy, dia naka mpitan-tsabatra fitonjato niaraka taminy izy hanafika ny mpanjakan'i Edoma, kanefa tsy nahomby izy ireo. [27]Dia nalainy ny zanany lahimatoa izay tokony nanjaka nandimby azy, ary natolony ho fanatitra dorana teo ambonin'ny manda izy. Ka nisy hatezerana lehibe nihatra tamin'Israely, dia nandao an'i Mesa Mpanjaka ny tafiky ny Israelita ka nody tany amin'ny taniny.

4 [1]Ary ny vadin'ny iray tamin'ireo zanaky ny mpaminany tonga nitomany tamin'i Elisa, nanao hoe: "Maty ny vadiko ilay mpanomponao, ary fantatrao fa ny mpanomponao dia natahotra an'i Yaveh. Ankehitriny ny mpampindram-bola dia tonga haka ireo zanako roa mba ho mpanompony." [2]Ka hoy i Elisa taminy: "Inona no azoko atao ho anao? Lazao ahy inona avy no hanananao ao an-tranonao?" Ary hoy izy: "Tsy manana na inona na inona afa-tsy diloilo iray tavoara ny mpanomponao ao an-trano."
[3]Ary hoy i Elisa: "Mandehana mindrana siny any amin'ireo mpiray vodirindrina aminao, siny tsy misy na inona na inona." Farak'izay betsaka hindramina. [4]Avy eo dia tsy maintsy miditra ao anatiny ianao ary mirindrim-baravarana ao ianao sy ireo zanakao lahy, ary mandraraha diloilo ao amin'ny siny rehetra; ary atokàny ireo siny izay feno."
[5]Ka nandao an'i Elisa izy ary nirindrim-baravarana izy sy ireo zanany lahy. Nentin'izy ireo tao aminy ireo siny, ka nofenoiny diloilo ireo. [6]Rehefa feno ny siny, dia hoy izy tamin'ireo zanany: "Hitondray siny hafa aho." Fa hoy ny zanany taminy: "Tsy misy siny intsony." Dia tsy niraraka intsony ny diloilo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Ary tonga izy ka niteny tamin'ilay lehilahin'Andriamanitra. Hoy izy hoe: "Mandehana, varoty ny diloilo; aloavy ny trosanao, ary hivelomy miaraka amin'ireo zanakao lahy ny ambiny."
[8]Indray andro i Elisa nandeha tany Sonema any amin'izay hitoeran'ny vehivavy manan-danja iray; nasainy hiara-hisakafo aminy izy. Ary isaky ny andalo izy, dia hijanona ka hisakafo ao. [9]Hoy ilay vehivavy tamin'ny vadiny: "Indro, mahatsapa aho ankehitriny fa izy dia lehilahy masin'Andriamanitra izay mandalo mandrakariva.
[10]Ndeha isika hanao efitra kely ambony rihana ho an'i Elisa, ka ho asiantsika fandriana ao anatiny, latabatra, seza, ary jiro. Ka rehefa tonga eto amintsika izy, dia hijanona eto." [11]Ary tonga indray ny andro dia nijanona tao i Elisa, nipetraka tao amin'ilay efitra izy ary naka aina tao.
[12]Hoy i Elisa tamin'i Gehazy ilay mpanompony: "Antsoy io Sonemita io." Rehefa avy niantso azy izy, dia nitsangana teo anatrehany. [13]Ary hoy i Elisa taminy: "Teneno amin-dravehivavy hoe: 'Efa nankaty amin'izao olana rehetra izao ianao mba hiahy anay. Ka inona no azo atao ho anao? Afaka misolo vava anao any amin'ny mpanjaka na any amin'ny lehiben'ny tafika ve izahay?"' Dia namaly izy hoe: "Miara-mipetraka amin'ny vahoakako aho."
[14]Ka hoy i Elisa: "Inona izany no azontsika atao ho azy?" Dia namaly i Gehazy hoe: "Eny tokoa, tsy manan-janaka izy, ary efa antitra ny vadiny." [15]Ka namaly i Elisa hoe: "Antsoy izy." Rehefa avy niantso azy izy, dia nitsangana teo amin'ny varavarana. [16]Hoy i Elisa: "Amin'ny fotoana toy izao, afaka herin-taona, dia hitrotro zazalahy ianao." Ka hoy ravehivavy: "Tsia, ry tompoko sady lehilahin'Andriamanitra, aza mandainga amin'ny mpanomponao."
[17]Fa ny taona manaraka ihany ravehivavy dia nitoe-jaza ary niteraka zazalahy, araka izay efa nolazain'i Elisa taminy.
[18]Rehefa niha-lehibe ny zaza, indray andro dia nandeha niaraka tamin'ny rainy, izay niaraka tamin'ireo mpijinja izy. [19]Hoy izy tamin'ny rainy: "Ny lohako, ny lohako." Dia hoy ny rainy tamin'ny mpanompony: "Ento any amin'ny reniny izy."
[20]Rehefa naka azy sy nitondra ilay zazalahy tany amin'ny reniny ilay mpanompo, dia nipetraka teo am-pofoany ilay zaza mandra-pitaotaovovonana ary maty avy eo.
[21]Ka nitsangana ilay vehivavy ary nametraka ilay zazalahikely teo amin'ny fandrian'ilay lehilahin'Andriamanitra, nanidy ny varavarana, ary nivoaka. [22]Niantso ny vadiny izy, ary niteny hoe: "Mba andefaso iray amin'ireo mpanompo sy iray amin'ireo ampondra re aho mba hahafahako mandeha haingana any amin'ilay lehilahin'Andriamanitra ary hiverina avy eo."
[23]Dia hoy ny vadiny: "Nahoana ianao no te-ho any aminy anio? Tsy tsinam-bolana na Sabata izao." Ka namaly izy hoe: "Tsy maninona re." [24]Dia nasiany lasely ny ampondra iray ary hoy izy tamin'ny mpanompony hoe: "Ampandehano haingana; ary aza mandeha mora raha tsy miteny aho."
[25]Ka nandeha ravehivavy ary tonga tao amin'ilay lehilahin'Andriamanitra tany amin'ny Tendrombohitra Karmela. Ary rehefa nahita azy avy lavitra ilay lehilahin'Andriamanitra, dia niteny tamin'i Gehazy mpanompony izy hoe: "Indro, tonga ilay vehivavy Sonemita. [26]Mihazakazaha faingana mba hitsena azy sy hilaza aminy hoe: "Milamina ve ny aminao sy ny vadinao ary ny zanakao?"' Dia namaly izy hoe: "Milamina tsara."
[27]Rehefa tonga teo amin'ilay lehilahin'Andriamanitra tany an-tendrombohitra ravehivavy, dia nohazoniny ny tongony. Nanatona akaiky i Gehazy mba hanala azy kanefa hoy ilay lehilahin'Andriamanitra hoe: "Avelao izy, fa tohina tanteraka, ary nafenin'i Yaveh tamiko ilay olana, ary tsy niteny na inona na inona tamiko."
[28]Dia hoy ravehivavy: "Nangataka zanaka taminao ve aho, ry tompoko? Tsy efa niteny ve aho hoe: 'Aza fitahana aho'?"
[29]Dia hoy i Elisa tamin'i Gehazy: "Miakanjoa ho an'ny dia ary ento amin'ny tananao ny tehiko. Mandehana any an-tranony. Raha mifanena amin'ny olona ianao, dia aza miarahaba azy, ary raha misy olona miarahaba anao, dia aza mamaly azy. Ateheno eo amin'ny tarehin'ilay zaza ny tehiko."
[30]Fa ny renin'ilay zaza niteny hoe: "Raha velona koa i Yaveh, ary raha velona koa ianao, dia tsy handao anao aho." Ka nitsangana i Elisa ary nanaraka azy. [31]nialoha faingana azy ireo i Gehazy ary nametraka ny tehina teo amin'ny tarehin'ilay zaza, nefa tsy niteny na nandre ilay zaza. Ka niverina tany amin'i Elisa i Gehazy ary niteny taminy hoe: "Mbola tsy nifoha ilay zaza."
[32]Rehefa tonga tao an-trano i Elisa, dia mbola maty teo ambony fandriana ilay zaza. [33]Ka niditra tao i Elisa ary nirindrim-baravarana tao izy sy ilay zaza ka nivavaka tamin'i Yaveh izy. [34]Nitsangana izy ary nandry teo amin'ilay zaza; nametraka ny molony teo amin'ny molony, ny masony teo amin'ny masony, ary ny tanany teo amin'ny tanany. Naninjitra ny tenany teo amin'ilay zaza, ka lasa nafana ny vatan'ilay zazalahikely.
[35]Ary nitsangana i Elisa ary nivezivezy tao amin'ny efitra ary niakatra indray ka naninjitra ny tenany teo ambonin'ilay zazalahikely. Nihevona im-pito ilay zazalahy ary nanokatra ny masony. [36]Ka niantso an'i Gehazy i Elisa ary niteny hoe: "Antsoy ilay Sonemita!" Ka dia niantso azy izy, ary rehefa tonga tao amin'ny efitra izy, dia hoy i Elisa: "Raiso ny zanakao."
[37]Dia nampiakohoka ny tavany teo amin'ny tany teo amin'ny tongony izy ary nandohalika teo amin'ny tany, ka naka ny zanany dia nivoaka.
[38]Ary niverina tany Gilgala indray i Elisa. Nisy mosary tao amin'ilay tany, ary nipetraka teo anoloany ireo zanaky ny mpaminany. Hoy izy tamin'ny mpanompony: "Ataovy eo amin'ny afo ny siny lehibe ary mandrahoa hanina ho an'ireo zanaky ny mpaminany." [39]Nidina tany an-tsaha mba hitango legioma ny iray tamin'izy ireo. Nahita voaloboka dia izy ary nanangona tanatanamanga dia mba hamenoana ny moron-tongotry ny akanjony. Notapatapahany ary nataon'izy ireo tao amin'ny hanina izany, nefa tsy nahafantatra ny karazan'izany izy ireo.
[40]Ka nandoatra ny hanina mba ho hanin'ireo lehilahy izy ireo. Afaka kelikely, raha teo am-pihinanana izy ireo, dia nihiaka mafy nanao hoe: "Ry lehilahin'Andriamanitra, misy mahafaty ao am-bilany!" Ka tsy afaka ny hihinana izany intsony izy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ireo. [41]Fa hoy i Elisa hoe: "Mitondrà koba." Nanipy izany tao anaty vilany izy ary niteny hoe: "Lohary ho an'ny olona izany, mba hihinana izy ireo." Ka tsy nisy zavatra mahafaty intsony tao am-bilany."
[42]Nisy lehilahy iray avy any Bala-salisa nankany amin'ny lehilahin'Andriamanitra ary nitondra mofo vita tamin'ny vary hordea roapolo vao nojinjaina, ary salohim-bary vaovao tao anaty kitapony. Hoy izy: "Omeo an'ireo olona ireto mba hahafahan'izy ireo mihinana." [43]Hoy ny mpanompony: "Ahoana no hanomezako izany an'ireo olona zato?" Fa hoy i Elisa hoe: "Omeo ny olona ireto, mba hahafahan'izy ireo mihinana, satria i Yaveh niteny hoe: "Hihinana izy ireo ary hamela ambiny." [44]Ka nanome izany azy ireo ny mpanompony; dia nihinana izy ireo, ary nisy sisa tavela, araka ny teny fampanantenan'i Yaveh.

5 [1]Ary Namàna, mpifehy ny tafiky ny mpanjakan'i Syria, dia lehilahy lehibe sady be voninahitra eo imason'ny tompony, satria tamin'ny alalany no nanomezan'i Yaveh fandresena an'i Syria. Lehilahy matanjaka, be herim-po ihany koa izy, kanefa boka. [2]Nandeha nivoaka isan-tokony ireo Syriana ary naka zazavavy kely iray avy tao amin'ny tanin'Israely. Nanompo ny vadin'i Namàna izy.
[3]Hoy ilay zazavavy tamin'ny tompovaviny hoe: "Enga anie mba hiaraka amin'ilay mpaminany izay any Samaria ny tompoko! Ary hanasitrana ny tompoko amin'ny habokany izy." [4]Koa nandeha i Namàna ary niteny tamin'ny mpanjaka izay nolazain'ilay zazavavy kely avy any amin'ny tanin'Israely.
[5]Dia hoy ilay mpanjakan'i Syria hoe: "Mandehana ankehitriny, ary hampitondra taratasy ho an'ny mpanjakan'Israely aho." Lasa i Namàna ary nitondra talenta volafotsy folo, volamena enin'arivo, sy akanjo fisoloana folo niaraka taminy.
[6]Nitondra ilay taratasy ho an'ny mpanjakan'Israely ihany koa izy izay nilaza hoe: "Rehefa entina aminao ity taratasy ity, dia ho hitanao fa nandefa an'i Namàna mpanompoko aminao aho, mba hanasitrananao azy amin'ny habokany."
[7]Rehefa avy namaky ilay taratasy ny mpanjakan'Israely, dia nandrovitra ny akanjony izy ary niteny hoe: "Moa ve Andriamanitra aho, ka hamono na hamelona, no mila ahy hanasitrana lehilahy amin'ny habokany ity lehilahy ity? Ohatran'ny mitady hifanditra amiko izy."
[8]Koa rehefa ren'i Elisa ilay lehilahin'Andriamanitra fa nandriatra ny ankanjony ilay mpanjakan'Israely, dia nandefa teny tany amin'ny mpanjaka izy nanao hoe: "Nahoana no norovitinao ny akanjonao? Avelao izy hanatona ahy ankehitriny, dia ho fantany fa misy mpaminany ao Israely." [9]Ka tonga niaraka tamin'ireo soavaliny sy kalesiny i Namàna ary nijoro teo am-baravaran'ny tranon'i Elisa. [10]Naniraka mpitondra hafatra tany aminy Elisa, nanao hoe: "Mandehana ary ampandroy impito ao amin'i Jordana ny tenanao, dia hiverina amin'ny laoniny ny nofonao; hadio ianao."
[11]Fa tezitra i Namàna ary lasa ka niteny hoe: "Indro, noheveriko fa hivoaka hanatona ahy izy ary hitsangana sy hiantso ny anaran'i Yaveh Andriamaniny, ary hanofahofa ny tanany amin'ilay toerana ka hanasitrana ny habokako. [12]Moa i Abana sy Farpara, reniranon'i Damaskosy, tsy tsara kokoa noho ny rano rehetra ao Israely? Tsy afaka mandro ao amin'ireo ve aho dia hadio?" Dia niverina izy ary lasa an-katezerana.
[13]Avy eo ireo mpanompon'i Namàna nanakaiky ka niresaka taminy hoe: "Ry raiko, raha nandidy anao hanao zava-tsarotra sasany ny mpaminany, moa tsy nanao izany ve ianao? Koa mainka fa, rehefa miteny tsotra anao izy hoe: 'Ampandroy ny tenanao dia hadio ianao?" [14]Avy eo dia nandeha nidina izy ary nampandro ny tenany impito tao amin'i Jordana, nankatò ireo toromarik'ilay lehilahin'Andriamanitra. Niverina toy ny nofon-jazakely indray ny nofony, ary sitrana izy.
[15]Niverina tany amin'ilay lehilahin'Andriamanitra i Namàna, izy sy ireo mpiara-dia taminy rehetra ary nijoro teo anoloany. Hoy izy hoe: "Indro, fantatro ankehitriny fa tsy misy Andriamanitra manerana ny tany afa-tsy ao Israely ihany. Noho izany, raiso ny fanomezana avy amin'ny mpanomponao." [16]Fa Elisa namaly hoe: "Raha mbola velona koa i Yaveh, izay eo anatrehany no hijoroako, dia tsy handray na inona na inona aho." Namporisika an'i Elisa mba handray ilay fanomezana i Namàna, fa nandà izy.
[17]Noho izany dia hoy i Namàna hoe: "Raha tsy izany, dia mangataka aminao aho mba hanome ny mpanomponao tany ampy zakain'ny ampondra roa, satria manomboka izao, dia hanome fanatitra dorana na sorona ho an'andriamani-kafa intsony ny mpanomponao afa-tsy i Yaveh. [18]Aoka mba hamela heloka ny mpanomponao Yaveh amin'ity zavatra iray ity, dia izao, rehefa miditra aoan-tranon'i Rimona ny mpanjakako mba hanompo ao, ary mitehina amin'ny tanako izy dia miankohoka ao an-tranon'i Rimona aho, rehefa miankohoka ao an-tranon'i Rimona aho, dia enga anie Yaveh mba hamela heloka ny mpanomponao amin'izany zavatra izany." [19]Dia hoy i Elisa taminy hoe: "Mandehana am-piadanana." Dia lasa i Namàna.
[20]Nandeha halavirana fohy ihany izy, rehefa niteny taminy i Gehazy mpanompon'i Elisa ilay lehilahin'Andriamanitra hoe: "Indro, efa namindra fo ity Namàna ilay Syriana ny tompoko tamin'ny tsy fandraisana ireo fanomezana izay nentiny teny an-tanany. Raha mbola velona koa i Yaveh, dia hanaraka azy aho ary handray zavatra avy aminy." [21]Noho izany dia nanaraka an'i Namàna i Gehazy. Rehefa nahita olona nihazakazaka tao ahoriany i Namàna, dia nitsambikina nidina tamin'ny kalesiny izy mba hitsena azy ary niteny hoe: "Mety ve ny zavatra rehetra?" [22]Dia hoy i Gehazy hoe: "Mety daholo ny zavatra rehetra. Nirahin'ny tompoko aho, nanao hoe: 'Indro, nisy tovolahy roa avy amin'ireo zanaky ny mpaminany tonga nanatona ahy avy any amin'ny vohitr'i Efraima. Miangavy re mba omeo talenta volafotsy iray sy akanjo hisoloana roa izy ireo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Namaly i Namàna hoe: "Faly be aho manome talenta volafotsy roa ho anao." Namporisika an'i Gehazy i Namàna ary namatotra talenta volafotsy roa tao anaty kitapo roa, niaraka tamin'ireo akanjo roa hisoloana, ary nametraka ireo tamin'ny roa tamin'ireo mpanompony, izay nitondra ireo kitapom-bolafotsy nialoha an'i Gehazy. [24]Rehefa tonga tao amin'ny havoana i Gehazy, dia naka ireo kitapom-bolafotsy teny an-tanan'izy ireo izy ary nanafina ireo tao an-trano; nalefany ireo lehilahy, ka lasa izy ireo. [25]Rehefa niditra i Gehazy ary nitsangana nanoloana ny tompony, dia hoy i Elisa taminy hoe: "Avy aiza ianao, ry Gehazy?" Namaly izy hoe: "Tsy nandeha taiza na taiza ny mpanomponao."
[26]Hoy i Elisa tamin'i Gehazy hoe: "Tsy niaraka taminao ve ny fanahiko rehefa nihodina tamin'ny kalesiny mba hitsena anao ilay lehilahy? Fotoana fandraisana vola sy akanjo, tanin'oliva sy tanim-boaloboka, ondry sy omby, ary mpanompo lahy sy vavy ve izao? [27]Noho izany dia ho aminao sy ny taranakao mandrakizay ny habokan'i Namàna." Koa niala tamin'ny fanatrehany i Gehazy, boka fotsy tahaka ny oram-panala.

6 [1]Ireo zanaky ny mpaminany nilaza tamin'i Elisa hoe: "Ilay toerana izay hipetrahanay miaraka aminao dia tena kely loatra ho anay rehetra. [2]Avelao re izahay handeha ho any Jordana, ary avelao ny olona rehetra mba hanapaka hazo any, ary avelao izahay hanorina toerana hahafahanay mipetraka any." Namaly i Elisa hoe: "Afaka mandeha ianareo." [3]Ny iray tamin'izy ireo niteny hoe: "Mandehana re miaraka amin'ireo mpanomponao." Ary namaly Elisa hoe: "Handeha aho."
[4]Koa nandeha niaraka tamin'izy ireo izy, ary rehefa tonga tany Jordana izy ireo, dia nanomboka nanapaka hazo. [5]Fa raha teo am-pikapana ny iray, dia nilatsaka tao anaty rano ny lela-pamaky; nihiaka mafy izy ary niteny hoe: "Loza, ry tompoko, nindramina iny!"
[6]Ka hoy ilay lehilahin'Andriamanitra hoe: "Taiza no nilatsahany?" Dia natoron'ilay olona an'i Elisa ilay toerana. Dia nanapaka tapa-kazo izy, ary nanipy izany tao anaty rano, ka nampitsingevana ny vy. [7]Hoy i Elisa hoe: "Alaivo io." Ka naninjitra ny tanany ilay olona ary naka izany.
[8]Ary nanangan'ady tamin'Israely nyy mpanjakan'i Syria. Niresaka tamin'ny mpanompony izy, nanao hoe: "Any amin'ny toerana tahaka izao sy tahaka izao no hitobiako." [9]Ka ilay lehilahin'Andriamanitra izay nalefa tany amin'ny mpanjakan'Israely, niteny hoe: "Mitandrema tsy handalo amin'izany toerana izany, fa hidina any ireo Syriana."
[10]Nandefa hafatra tany amin'ilay toerana izay voalaza sy nampitandreman'ilay lehilahin'Andriamanitra azy ny mpanjakan'Israely. Tsy indray mandeha na indroa fotsiny, rehefa nandeha tany ilay mpanjaka, dia mailo izy. [11]Tezitra mafy tamin' ireo fampitandremana ilay mpanjakan'i Syria, ka niantso ireo mpanompony izy ary nilaza tamin'izy ireo hoe: "Tsy hilaza amiko ve ianareo hoe iza eo aminareo no miandany amin'ny mpanjakan'Israely?"
[12]Ka hoy ny iray tamin'ireo mpanompony hoe: "Tsia, ry mpanjaka, tompoko, fa i Elisa mpaminany ao Israely no milaza amin'ny mpanjakan'Israely ireo teny izay lazainao ao amin'ny efitrano fatorianao!" [13]Ary namaly ilay mpanjaka hoe: "Mandehana ary tadiavo ny misy an'i Elisa mba hahafahako mandefa olona hisambotra azy." Nolazaina taminy hoe: "Indro, any Dotana izy."
[14]Ka nandefa soavaly maro, kalesy, ary tafika lehibe tany Dotana ny mpanjaka. Tamin'ny alina izy no tonga ary nanodidina ny tanàna. [15]Rehefa nifoha maraina ka nivoaka tany ivelany ny mpanompon'ilay lehilahin'Andriamanitra, dia indro, ny tafika lehibe mitaingi-tsoavaly sy kalesy nanodidina ny tanàna. Hoy ilay mpanompo taminy hoe: "O, ry tompoko! Inona no ho ataontsika?" [16]Elisa namaly hoe: "Aza matahotra, fa ireo izay miaraka amintsika dia mbola maro kokoa noho ireo izay miaraka amin'izy ireo."
[17]Nivavaka i Elisa ary niteny hoe: "Ry Yaveh, mitalaho aminao ny mba hanokafanao ny masony mba hahita aho." Ary nosokafan'i Yaveh ny mason'ilay mpanompo, ka nahita izy. Indro, ny tendrombohitra dia feno soavaly sy kalesy afo nanodidina an'i Elisa! [18]Rehefa nidina teo aminy ireo Syriana, dia nivavaka tamin'i Yaveh i Elisa ary niteny hoe: "Mangataka aminao aho, ataovy jamba ireo olona ireo." Koa nohajambainy izy ireo, araka ny nangatahan'i Elisa. [19]Ary hoy i Elisa tamin'ireo Syriana hoe: "Tsy io no lalana, na ilay tanàna. Araho aho, fa ho entiko any amin'ilay olona izay tadiavinareo ianareo." Avy eo dia notarihany ho any Samaria izy ireo.
[20]Ary rehefa tonga tany Samaria izy ireo, dia hoy i Elisa hoe: "Ry Yaveh, sokafy ny mason'ireo olona ireo mba hahafahan'izy ireo mahita." Dia nosokafan'i Yaveh ny mason'izy ireo ka nahita izy ireo, ary indro, teo afovoan'ny tanànan'i Samaria izy ireo. [21]Hoy ilay mpanjakan'Israely tamin'i Elisa, rehefa nahita azy ireo izy: "Ry raiko, tokony hovonoiko ve izy ireo? Tokony hovonoiko ve izy ireo?"
[22]Elisa namaly hoe: "Aoka tsy hamono azy ireo ianao. Hovonoinao ve ireo izay nobaboanao tamin'ny sabatra sy ny tsipìka? Mametraha mofo sy rano eo anoloan'izy ireo, mba hihinana sy hisotro izy ireo, ary mandehana any amin'ny tompon'izy ireo." [23]Koa nanomana sakafo maro ho azy ireo ilay mpanjaka, ary rehefa nihinana sy nisotro izy ireo, dia nalefany, ka niverina tany amin'ny tompony. Tsy niverina tany amin'ny tanin'Israely nandritra ny fotoana ela ireo tariky ny miaramila Syriana.
[24]Fotoana fohy taorian'izay dia namory ny tafiny i Beni-hadada ary nanafika an'i Samaria sy nanao fahirano azy. [25]Ka nisy mosary lehibe tany Samaria. Indro, nanao fahirano izy ireo mandra-pahalafo ho sekely volafotsy valopolo ny lohan'ampondra iray, ary ny taim-boromailala ampahefatry ny kaba ho sekely volafotsy dimy. [26]Raha nandalo teo amin'ny manda ny mpanjakan'Israely, dia nisy vehivavy nihiaka taminy, nilaza hoe: "Vonjeo, ry mpanjaka, tompoko."
[27]Hoy izy: "Raha tsy manampy anao i Yaveh, ahoana no hahafahako manampy anao? Misy zavatra ve avy amin'ny famoloana sy ny famiazam-boaloboka?" [28]Dia nanohy ny mpanjaka hoe: "Inona no olanao?" Ka namaly izy hoe: "Hoy ity

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

vehivavy ity tamiko: 'Omeo ny zanakao mba hihinanantsika azy anio, ary hihinana ny zanako isika rahampitso."' [29]Ka nampangotrahinay ny zanako ary nohaninay, ary nilaza taminy aho ny andro manaraka hoe: "Omeo ny zanakao mba hihinanantsika azy, kanefa efa nafeniny ny zanany."
[30]Ary rehefa nandre ireo tenin-dravehivavy ny mpanjaka, dia nandriatra ny akanjony izy (ary nandalo teo amin'ny manda izy), ka nijery ary nahita fa nanana atin'akanjo lamba fisaonana izy, teny an-kodiny. [31]Ary hoy izy hoe: "Aoka anie Andriamanitra hanao izany amiko, mihoatra noho izany aza, raha mitoetra ao aminy ny lohan'i Elisa zanak'i Safata anio."
[32]Fa i Elisa nipetraka tao an-tranony, ary ireo loholona niara-nipetraka taminy. Nandefa olona iray avy teo anoloany ny mpanjaka, nefa rehefa tonga tany amin'i Elisa ny mpitondra hafatra, dia hoy izy tamin'ireo loholona hoe: "Indro, ahoana ny fomba nandefasana ity zanaka mpamono olona ity olona hanapaka ny lohako? Indro, rehefa tonga ny mpitondra hafatra, dia hidio ny varavarana, ary hazony hihidy mba tsy hidirany ny varavarana. Moa ve tsy feon'ny tongotry ny tompony izany ao aoriany izany? [33]Raha mbola nanohy niresaka tamin'izy ireo izy, dia indro, nidina teo aminy ilay mpitondra hafatra. Hoy ny mpanjaka hoe: "Indro, avy amin'i Yaveh izao loza izao. Nahoana aho no tokony mbola hiandry an'i Yaveh ihany?"

7 [1]Hoy Elisa hoe: "Henoy ny tenin'i Yaveh". Izao no voalazan'i Yaveh: 'Rahampitso amin'ny ora toy izao dia ho sekely iray ny vidin'ny koba tsara toto eran'ny famarana, ary ho sekely iray ny vary hordea roa famarana, eo am-bavahadin'i Samaria."' [2]Ary namaly ilay lehilahin'Andriamanitra ny lehiben'ny mpiambina iray izay nanankinan'ny mpanjaka ny tanany, ary nilaza hoe: "Indro, na dia hanao varavarankely eny amin'ny lanitra aza i Yaveh, hitranga ve izany zavatra izany?" Ary namaly Elisa hoe: "Indro, hahita ny fitrangan'izany ireo masonareo, kanefa tsy hihinana amin'izany ianareo."
[3]Ary nisy efa-dahy boka teo ivelan'ny vavahadin'ny tanàna. Nifampiresaka izy ireo hoe: "Nahoana isika no tokony mijanona eto mandra-pahafatintsika? Raha hiteny isika hoe tokony hiditra ao amin'ny tanàna isika, kanefa misy mosary ao an-tanàna, dia ho faty any isika. [4]Nefa raha hijanona eto isika dia mbola ho faty ihany koa. Ka andao, andao isika ho any amin'ny tafikin'ireo Syriana. Raha tsy mamono antsika izy ireo, dia ho velona isika, fa raha mamono antsika izy ireo, dia ho faty isika.
[5]Ka niainga izy ireo ny takariva mba hankany amin'ny tobin'ny Syriana; rehefa tonga teny amin'ny faritra ivelan'ny toby izy ireo, dia tsy nisy olona tao. [6]Fa efa nampandrenesin'ny Tompo ny feon'ireo kalesy, sy ny feon'ireo soavaly—ny feon'ireo tafika lehibe hafa, ny tafikin'ny Syriana, ary nifampiresaka izy ireo hoe: "Ny mpanjakan'Israely dia efa nanakarama ireo mpanjakan'ireo Hetita sy ireo Egyptiana mba ho avy hanohitra antsika.
[7]Dia nanainga sy nandositra ireo miaramila ny takariva; navelan'izy ireo ny lainy, ireo soavaliny, ireo ampondrany, ary toy izany koa ny toby, ary nandositra ho an'ny ainy izy ireo. [8]Rehefa tonga teo amin'ny faritra ivelan'ny toby ireo lehilahy boka ireo, dia niditra tao anatin'ny lay iray izy ireo ka nihinana sy nisotro, ary naka volafotsy sy volamena ary akanjo, dia nandeha ka nanafina ireo. Niverina izy ireo ary niditra tao amin'ny lay hafa dia nandroba ny tao ihany koa izy ireo, ary nandeha ka nanafina izany.
[9]Avy eo dia nifampiresaka izy ireo hoe: "Tsy manao ny marina isika. Andron'ny filazantsara izao andro izao, nefa mitazona fahanginana momba izany isika. Raha miandry mandra-pahazavan'ny andro isika, dia hisy famaizana hiatra amintsika. Ankehitriny ary, andao aoka isika handeha ary hilaza ny ankohonan'ny mpanjaka." [10]Nandeha izy ireo ka niantso ireo mpiambina vavahady tao an-tanàna. Hoy ireo tamin'izy ireo: "Nankany amin'ny tobin'ireo Syriana izahay, nefa tsy nisy olona tao, tsy nisy feon'olona, fa ireo soavaly sy ampondra mifatotra no ao, ary ireo lay izay nitoerany." [11]Dia nihiaka mafy ireo vaovao ny mpiambina vavahady, avy eo dia nolazaina tao amin'ny ankohonan'ny mpanjaka izany.
[12]Ary nifoha ny mpanjaka ny alina ary nilaza tamin'ireo mpanompony hoe: "Ankehitriny dia ambarako anareo ny nataon'ireo Syriana tamintsika. Fantatr'izy ireo fa mosarena isika, ka niala ny toby izy ireo mba hiafina any an-tsaha. Hoy izy ireo: "Rehefa mivoaka ny tanàna izy ireo, dia ho ataontsika sambo-belona, ka hidirantsika ny tanàna."' [13]Namaly ny iray tamin'ireo mpanompon'ny mpanjaka sady niteny hoe: "Mitalaho aminao aho, avelao haka dimy amin'ireo soavaly tavela ireo lehilahy, dia izay tavela tao an-tanàna izany. Izy ireo dia tahaka ny ambin'ireo vahoakan'Israely rehetra izay tavela_fa efa maty ny ankamaroany ankehitriny; aoka isika handefa azy ireo ka hahita."
[14]Ka naka kalesy roa niaraka tamin'ny soavaly izy ireo, ka nirahan'ny mpanjaka hanaraka ireo tafikin'ireo Syriana izy ireo, nilaza hoe: "Mandehana ary jereo." [15]Nandeha nanaraka azy ireo hatrany Jordana izy ireo, ka feno fitafiana sy fitaovana izay narian'i Syriana tamim-pikorompahana ny lalana rehetra. Dia niverina ny mpitondra hafatra ary nilaza tamin'ny mpanjaka.
[16]Nandositra ireo vahoaka sady nandroba ny tobin'ireo Syriana. Ka namidy ho sekely iray ny koba tsara toto eran'ny famarana, ary vary hordea roa famarana dia sekely iray, araka ny efa voalazan'ny tenin'i Yaveh. [17]Nobaikon'ny mpanjaka ilay lehiben'ny mpiambina izay akaiky azy mba hiambina ny vavahady, ary voahitsakitsak'ireo vahoaka teo am-bavahady izy. Ary maty izy tahaka ny efa voalazan'ny lehilahin'Andriamanitra, izay niteny rehefa nidina teo aminy ny mpanjaka.
[18]Ka niseho izany araka ny efa nolazain'ny lehilahin'Andriamanitra tamin'ny mpanjaka hoe: "Amin'izao fotoana izao eo am-bavahadin'ny Samaria, dia azo vidina ho sekely iray ny vary hordea roa famarana, ary ny koba tsara toto iray famarana dia ho sekely iray." [19]Namaly an'ilay lehilahin'Andriamanitra izany lehiben'ny mpiambina izany sady nilaza hoe: "Indro, na dia hanao varavarankely eny an-danitra aza i Yaveh, hitranga ve izany zavatra izany? Efa nilaza i Elisa

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hoe: "Indro, hahita ny fitrangan'izany amin'ny masonareo ianareo, kanefa tsy hihinana amin'izany ianareo. [20]Toy izany tokoa no niseho taminy, satria voahitsakitsaky ny vahoaka teo am-bavahady izy, ary maty.

8 [1]Ary Elisa niresaka tamin-dravehivavy renin'ilay zaza izay novelominy. Hoy izy taminy: "Mitsangàna, ary mandehana miaraka amin'ny ankohonanao, ka mitoera na aiza na aiza azonao hitoerana any an-tany hafa, satria Yaveh efa niantso mosary ho tonga eto amin'ity tany ity mandritra ny fito taona." [2]Ka dia nitsangana ravehivavy ary nankatò ny tenin'ilay lehilahin'Andriamanitra. Nandeha niaraka tamin'ireo ankohonany izy ary nipetraka tany amin'ny tanin'ny Filistina fito taona.
[3]Ary ny faran'ny fito taona dia niverina avy tao amin'ny tanin'ny Filistina ravehivavy, dia nankany amin'ny mpanjaka izy mba hiangavy ny amin'ny tranony sy ny amin'ny taniny. [4]Ary ny mpanjaka niresaka tamin'i Gehazy mpanompon'ilay lehilahin'Andriamanitra, nanao hoe: "Mba lazao ahy re ireo zavatra lehibe rehetra izay nataon'i Elisa."
[5]Ka raha niteny tamin'ny mpanjaka ny fomba nameloman'i Elisa ilay zaza izay efa maty izy, dia tonga ilay vehivavy renin'ilay zaza novelominy mba hiangavy ny mpanjaka ny amin'ny tranony sy ny taniny. Hoy i Gehazy: "Ry mpanjaka, tompoko, ity ilay vehivavy, ary ity ny zanany lahy, izay novelomin'i Elisa." [6]Rehefa nanontany an-dravehivavy momba ny zanany ny mpanjaka, dia nazavainy taminy izany. Ka nandidy manam-pahefana iray ho azy ny mpanjaka, nanao hoe: "Avereno aminy izay rehetra azy ary ny vokatry ny sahany rehetra hatramin'ny andro izay nandaozany ny tany ka hatramin'izao."
[7]Nankany Damaskosy tany amin'izay nahararian'i Beni-hadada mpanjakan'i Syria i Elisa. Nolazaina ny mpanjaka hoe: "Tonga eto ilay lehilahin'Andriamanitra." [8]Hoy ny mpanjaka tamin'i Hazaela: "Mitondrà fanomezana eny an-tananao ary mandehana mitsena ilay lehilahin'Andriamanitra, ary manontania an'i Yaveh amin'ny alalany, manao hoe: "Ho sitrana amin'izao aretina izao ve aho?"' [9]Dia nandeha nitsena azy i Hazaela ary nitondra fanomezana tamin'izay zava-tsoa isan-karazany avy tao Damaskosy, nentina rameva efapolo. Dia tonga i Hazaela ary nijoro teo anoloan'i Elisa ka nanao hoe: "Ny zanakao lahy Beni-hadada mpanjakan'i Syria no naniraka ahy ho aty aminao, manao hoe: 'Ho sitrana amin'izao aretina izao ve aho?"'
[10]Hoy i Elisa taminy: "Mandehana, lazao i Beni-hadada hoe: 'Ho sitrana tokoa ianao', nefa i Yaveh efa nampiseho ahy fa ho faty tokoa izy." [11]Dia nibanjina an'i Hazaela mandra-pahamenatra azy i Elisa, dia nitomany ilay lehilahin'Andriamanitra.
[12]Nanontany i Hazaela hoe: "Nahoana ianao no mitomany, ry tompoko?" Namaly izy hoe: "Satria fantatro ny ratsy izay hataonao amin'ny vahoakan'Israely. Handoro ny fiarovana mafin'izy ireo ianao, ary hamono ny tovolahin'izy ireo amin'ny sabatra, handrasarasa ny zanaka madinik'izy ireo ianao, ary hanataka ny vehivavy bevohoka ao amin'izy ireo."
[13]Hazaela namaly hoe: "Iza moa ity mpanomponao, no hanao izany zavatra lehibe izany izy? Amboa fotsiny ihany izy." Namaly i Elisa hoe: "Efa nasehon'i Yaveh ahy fa ho lasa mpanjakan'i Syria ianao." [14]Dia nandao an'i Elisa i Hazaela ary nankany amin'ny tompony, izay niteny taminy hoe: "Inona no nolazain'i Elisa taminao?" Namaly izy hoe: "Niteny tamiko izy fa ho sitrana tokoa ianao." [15]Ary ny ampitso dia naka bodofotsy i Hazaela ary nanatsoboka izany tao anaty rano, ary namelatra izany teo amin'ny tavan'i Beni-hadada mba ho faty izy. Dia lasa mpanjaka nandimby ny toerany i Hazaela.
[16]Tamin'ny taona fahadimy nanjakan'i Jorama zanaka lahin'i Ahaba, mpanjakan'Israely, dia nanomboka nanjaka i Jehorama. Izy dia zanaka lahin'i Josafata mpanjakan'i Joda. [17]Jehorama dia roa amby telopolo taona no nanomboka nanjaka, ary nanjaka nandritra ny valo taona tao Jerosalema izy.
[18]Nandeha tamin'ireo lalan'ny mpanjakan'Israely i Jehorama, tahaka izay nataon'ny ankohonan'i Ahaba; satria nanana ny zanaka vavin'i Ahaba ho vadiny izy, ka nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy. [19]Na dia izany aza, nohon'ny amin'i Davida mpanompony, dia tsy te-handrava an'i Joda i Yaveh, satria niteny taminy Izy fa hanome azy taranaka mandrakariva.
[20]Tamin'ny andron'i Jehorama, dia nikomy nanohitra ny tanan'i Joda i Edoma, ary nametraka mpanjaka ho an'ny tenany izy ireo. [21]Avy eo dia niampita niaraka tamin'ireo mpifehiny sy ireo kalesiny rehetra i Jehorama. Dia nitsangana izy ny alina ka nanafika ary namely ireo Edomita, izay nanodidina azy sy ireo mpifehy ireo kalesy. Dia nandositra tany an-tranon'izy ireo ny tafik'i Jehorama.
[22]Ka nikomy nanohitra ny fitsipik'i Joda mandraka ankehitriny i Edoma. Nikomy ihany koa i Libna tamin'io fotoana io.
[23]Ary ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Jerohama, izay rehetra nataony, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ireo tantaran'ny mpanjakan'i Joda ve izany? [24]Maty ary nitsahatra niaraka tamin'ireo razany i Jehorama, ary nalevina niaraka tamin'ireo razany tao an-tanànan'i Davida. Dia i Ahazia zanany lahy no tonga mpanjaka nandimby toerany.
[25]Tamin'ny taona faharoa ambin'ny folo nanjakan'i Jorama zanaka lahin'i Ahaba, mpanjakan'Israely, no nanomboka nanjaka i Ahazia, zanaka lahin'i Jehorama, mpanjakan'i Joda. [26]Roa amby roapolo taona i Ahazia no nanomboka nanjaka; nanjaka nandritra ny herin-taona tao Jerosalema izy. Ny anaran-dreniny dia Atalia; izy dia zanaka vavin'i Omry, mpanjakan'Israely. [27]Ary nandeha tamin'ireo lalan'ny ankohonan'i Ahaba i Ahazia; nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy, tahaka izay nataon'ny ankohonan'i Ahaba, satria i Ahazia dia vinanto lahy tamin'ny taranak'i Ahaba.
[28]Nandeha niaraka tamin'i Jorama zanaka lahin'i Ahaba i Ahazia, mba hiady amin'i Hazaela, mpanjakan'i Syria, ao Ramota-gileada. Nandratra an'i Jorama ireo Syriana. [29]Niverina i Jorama mpanjaka mba hotsaboina any Jezirela amin'ireo ratra izay nataon'ireo Syriana taminy tao Rama, rehefa niady tamin'i Hazaela mpanjaka izy. Ary i Ahazia zanaka lahin'i Jehorama, mpanjakan'i Joda, nidina ho any Jezirela mba hijery an'i Jorama zanaka lahin'i Ahaba, satria naratra i Jorama.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

9 [1]Niantso ny iray tamin'ireo zanaky ny mpaminany i Elisa mpaminany ka nanao taminy hoe: "Miankanjoa ho an'ny dia, ary raiso eo an-tananao ity tavoahangy kely misy diloilo ity ary mandehana any Ramota-gileada. [2]Rehefa tonga ianao, dia tadiavo i Jeho zanaka lahin'i Josafata zanak'i Nemsy, ka midira ary ampitsangano eo amin'ireo namany ary ento ao anaty efitra anatiny iray izy. [3]Ary alaivo ny tavoahangy misy diloilo ka araraho eo ambonin'ny lohany ary lazao hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh: "Efa nosorako ho mpanjaka eo amin'Israely ianao.'" Avy eo dia sokafy ny varavarana, ka mandosira; dia aza mitaredretra."
[4]Ary nandeha tany Ramota-gileada, ilay tovolahy, mpaminany. [5]Nony tonga izy, indreo, nipetraka ny kapitenin'ny tafika. Ary hoy ilay mpaminany zatovo: "Nitondra hafatra ho anao aho, ry kapiteny." Jeho namaly hoe: "Ho an'iza aminay izany?" Ilay mpaminany zatovo namaly hoe: "Ho anao, ry kapiteny." [6]Ka nitsangana i Jeho ary niditra tany an-trano, ary nararak'ilay mpaminany zatovo teo ambonin'ny lohany ny diloilo ka hoy izy tamin'i Jeho: "Izao no lazain'Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely: 'Efa nanosotra anao ho mpanjaka teo amin'ny olon'i Yaveh, teo amin'Israely Aho.
[7]Tsy maintsy vonoinao ny fianakavian'i Ahaba tomponao, mba hamaliako faty ny ràn'ireo mpaminany mpanompoko, sy ireo ràn'ireo mpanompon'i Yaveh rehetra, izay novonoin'ny tanan'i Jezebela. [8]Fa ho ringana ny fianakavian'i Ahaba manontolo, ary ho foanako eo amin'i Ahaba ny zanaka lahy rehetra, na andevo izany na olona afaka.
[9]Ho ataoko tahaka ny ankohonan'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata sy tahaka ny ankohonan'i Basa zanaka lahin'i Ahia ny ankohonan'i Ahaba. [10]Ireo amboa no hihinana an'i Jezebela ao Jezirela, ary tsy hisy olona handevina azy.'" Ary nosokafan'ilay mpaminany ny varavarana ka nandositra izy.
[11]Ary Jeho nivoaka teo amin'ireo mpanompon'ny tompony, ary nisy iray nanao taminy hoe: "Mandeha tsara ve ny zava-drehetra? Nahoana no nankao aminao iny olona marary saina iny? Jeho namaly azy ireo hoe: "Fantatrareo iny olona iny ary fantatrareo izay zavatra lazainy." [12]Hoy izy ireo: "Lainga izany. Lazao anay." Jeho namaly hoe: "Toy izany sy izany no nolazainy tamiko, ary hoy koa izy hoe: "Izao no lazain'Yaveh: Efa nanosotra anao ho mpanjaka teo amin'Israely Aho.'"
[13]Ary dia samy nanala faingana ny akanjony ivelany izy ireo ka nametraka izany teo ambanin'i Jeho teny amin'ny farany ambonin'ny tohatra. Notsofin'izy ireo ny trompetra ary hoy izy ireo hoe: "Mpanjaka i Jeho."
[14]Izany no fomba nikomian'i Jeho zanaka lahin'i Josafata zanak'i Nimsy hanohitra an'i Jorama. Ary Jorama mpanjaka efa niaro an'i Ramota-gileada, izy sy ny Israely rehetra, noho i Hazaela mpanjakan'i Syria, [15]kanefa niverina tany Jezirela i Jorama mpanjaka mba ho sitrana amin'ireo ratra izay nataon'ireo Syriana azy, rehefa niady tamin'i Hazaela mpanjakan'i Asyria izy. Hoy i Jeho tamin'ireo mpanompon'i Jorama: "Raha izany ny hevitrareo, dia aza avela hisy olona hitsoaka ary hivoaka ny tanàna, mba hilazana izao vaovao izao any Jezirela." [16]Ka nitaingina kalesy nankany Jezirela i Jeho; satria naka aina tany i Jorama. Ary nandeha nidina mba hihaona amin'i Jorama i Ahazia mpanjakan'i Joda.
[17]Nitsangana teo amin'ny tilikambon'i Jezirela ny mpitily, ary hitany nanatona avy lavitra ireo naman'i Jeho; hoy izy: "Mahatazana andian'olona manatona aho." Jorama nanao hoe: "Makà mpitaingin-tsoavaly iray, ary alefaso mba hitsena azy ireo izy; lazao izy mba hiteny hoe: 'Tonga mba hihavana ve ianareo?'" [18]Ka nalefa mba hitsena azy ilay mpitaingin-tsoavaly; ary hoy izy: "Izao no lazain'ny mpanjaka: 'Tonga mba hihavana ve ianareo?'" Ary hoy i Jeho: "Mpifaninona moa ianao sy ny fihavanana? Mihodina ary manaraha ahy." Ary nilaza tamin'ny mpanjaka ilay mpitily hoe: "Nihaona tamin'izy ireo ilay mpitondra hafatra, kanefa tsy niverina izy."
[19]Ary nandefa mpitaingin-tsoavaly iray faharoa izy, izay nankeny amin'izy ireo ka nanao hoe: "Izao no lazain'ny mpanjaka: 'Tonga mba hihavana ve ianareo?'" Jeho namaly hoe: "Mpifaninona moa ianao sy ny fihavanana? Mivilia ary manaraha ahy." [20]Nitatitra indray ilay mpitily hoe: "Nihaona tamin'izy ireo izy, kanefa tsy niverina. Fa ny lalana izay nitondràna kalesy no lalana nandehan'i Jeho zanaka lahin'i Nismy; dia nirifatra mafy izy."
[21]Ka hoy i Jorama: "Homany ny kalesiko." Ary nomanin'izy ireo ny kalesiny, ary samy nitaingina ny kalesiny avy, i Jorama mpanjakan'Israely sy i Ahazia mpanjakan'i Joda, mba hihaona amin'i Jeho. Hitan'izy ireo tao amin'ny tanànan'i Nabota ilay Jezirelita izy. [22]Rehefa hitan'i Jorama i Jeho, dia hoy izy: "Tonga mba hihavana ve ianao, ry Jeho?" Izy namaly hoe: "Inona no fihavanana eo, raha mbola maro be koa ny fanompoan-tsampy amin'ny asa fivarotan-tena sy ny ody ratsin'i Jezebela reninao?"
[23]Ary navilin'i Jorama ny kalesiny ka nandositra izy ary niteny tamin'i Ahazia hoe: "Misy fitaka, ry Ahazia."[24]Ary dia nenjanin'i Jeho tamin'ny heriny rehetra ny tsipìkany ka notifiriny ny teo anelanelan'ny sorok'i Jorama; nitsatoka teo amin'ny fony ny zana-tsipìka, ka nianjera avy teo amin'ny kalesy izy.
[25]Ary hoy i Jeho tamin'i Bidkara kapiteniny: "Alaivo izy ary atsipazo ao amin'ny sahan'i Nabota ilay Jezirelita. Tsarovy tamin'ny izaho sy ianao niaraka nitondra kalesy nanaraka an'i Ahaba rainy, dia nametraka izany faminaniana izany hamelezana azy i Yaveh: [26]Yaveh nanambara hoe—'Nahita ny ràn'i Nabota sy ny ràn'ireo zanany lahy Aho omaly—ary hampanonitra anao izany eto amin'ity saha ity tokoa Aho—hoy i Yaveh. Koa ankehitriny, alaivo izy ary atsipazo eo amin'io saha io, araka ny tenin'i Yaveh."
[27]Rehefa nahita izany i Ahazia mpanjakan'i Joda, dia nandositra niakatra tany amin'ny lalana mankany Beta Hagana izy. Fa i Jeho nanaraka azy, ary nanao hoe: "Vonoy eo amin'ny kalesy ihany koa izy," ary notifirin'izy ireo teo amin'ny fiakarana ho any Gora, izay eo akaikin'i Jibleama izy. Nandositra tany Megido i Ahazia ka dia maty tany. [28]Nentin'ireo mpanompony tamin'ny kalesy nankany Jerosalema ny fatiny ary naleviny tao amin'ny fasany niaraka tamin'ireo razambeny tao an-tanànan'i Davida izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[29]Ary tamin'ny fahairaika ambin'ny folo taona nanjakan'i Jorama zanaka lahin'i Ahaba no nanomboka nanjaka teo amin'i Joda i Ahazia.
[30]Rehefa tonga tao Jezirela i Jeho, dia ren'i Jezebela izany, ary nandoko ny masony, sy nibango ny volony, ary nitazana teo am-baravarankely izy. [31]Raha niditra ny vavahady i Jeho, dia hoy izy taminy hoe: "Tonga mba hihavana ve ianao, ry Zimry, mpamono ny tomponao?" [32]Niandrandra teny am-baravarankely i Jeho ary hoy izy: "Iza no miandany amiko? Iza?" Avy eo dia nisy tandapa roa na telo nitazana.
[33]Ka dia hoy i Jeho: "Alatsaho izy." Ka nalatsak'izy ireo i Jezebela, ary ny sasany tamin'ny ràny nipitipitika teny amin'ny rindrina sy ireo soavaly, ka nosihosen'i Jeho tamin'ny tongony izy. [34]Rehefa niditra tao amin'ny lapa i Jeho, dia nihinana sy nisotro izy. Ary hoy izy: "Jereo amin'izay ilay vehivavy voahozona ary aleveno izy, fa zanaka vavin'ny mpanjaka izy."
[35]Nandeha nandevina azy izy ireo, kanefa tsy nahita afa-tsy karandoha, sy tongotra, ary ny felatanany izy ireo. [36]Ka niverina izy ireo ary niteny tamin'i Jeho. Hoy izy: "Izao ny tenin'i Yaveh izay noteneniny tamin'ny alalan'i Elia ilay Tisibita mpanompony, manao hoe: 'Ao amin'ny tany ao Jezirela no hihinanan'ireo amboa ny nofon'i Jezebela, [37]ary ny fatin'i Jezebela dia ho tahaka ny zezika eo amin'ny velaran'ny saha eo amin'ny tany ao Jezirela, mba tsy hisy olona afaka hiteny hoe: "Jezebela io.""'

10 [1]Ary nanana taranaka fitopolo tany Samaria i Ahaba. Nanoratra taratasy i Jeho ka nandefa izany tany Samaria, ho an'ireo mpanapaka an'i Jezirela, tao anatin'izany ireo loholona sy ireo mpiambina ny taranak'i Ahaba, nilaza hoe:
[2]"Eo aminareo ireo taranaky ny tomponareo, ary manana kalesy sy soavaly ary tanàna voaaro sy akanjo fiarovana ihany koa ianareo. Noho izany, raha vao tonga eo aminareo ity taratasy ity, [3]dia safidio izay tsara sy mendrika indrindra amin'ireo taranaky ny tomponareo ka apetraho ho eo amin'ny seza fiandrianan-drainy izy, ary miadia ho an'ny fianakavian'ny mpanjaka tomponao."
[4]Fa nihorohoro izy ireo ka nifampilaza hoe: "Indro, mpanjaka roa aza tsy nahajanona teo anatrehan'i Jeho. Koa ahoana moa no hahajanonantsika?" [5]Avy eo ilay lehilahy izay misahana ny lapa, sy ilay lehilahy nanapaka ny tanàna, sy ireo loholona ihany koa, ary ireo izay nitaiza ireo zaza, dia nandefa teny niverina tany amin'i Jeho, nilaza hoe: "Mpanomponao izahay. Hataonay izay rehetra handidianao anay, tsy hametraka olona ho mpanjaka izahay. Ataovy izay fantatrao fa mety eo imasonao."
[6]Ary nanoratra taratasy fanindroany ho azy ireo i Jeho, nilaza hoe: "Raha miandany amiko ianareo, ary raha mihaino ny feoko ianareo, dia tsy maintsy tapahinareo ny lohan'ireo lehilahy taranaky ny tomponareo, ary mankanesa aty amiko aty Jezirela rahampitso amin'ny ora toy izao." Ankehitriny ireo taranaky ny mpanjaka, miisa fitopolo, dia niaraka tamin'ireo lehilahy manan-danja teo an-tanàna, izay nitaiza azy ireo. [7]Ka rehefa tonga teo amin'izy ireo ilay taratasy, dia nalainy ireo zanaka lahin'ny mpanjaka ka novonoiny, olona fitopolo, nataony tao anaty sobika ny lohan'izy ireo, ary nalefany tany amin'i Jeho tany Jezirela ireo.
[8]Nisy mpitondra hafatra tonga teo amin'i Jeho, nilaza hoe: "Efa nitondra ny lohan'ireo zanaka lahin'ny mpanjaka izy ireo." Ka hoy izy: "Ataovy antontan-javatra roa ho eo amin'ny vavahady fidirana izy ireo mandra-maraina." [9]Ny maraina i Jeho dia nivoaka ka nitsangana, ary niteny tamin'ny vahoaka rehetra hoe: "Tsy manan-tsiny ianareo. Indro, nikomy tamin'ny tompoko aho ka namono azy, fa iza no namono ireto rehetra ireto?
[10]Ankehitriny dia tokony ho tsapanareo tokoa fa tsy nisy tamin'ny tenin'i Yaveh, ny teny izay nolazainy mahakasika ny fianakavian'i Ahaba, hiraraka amin'ny tany, satria Yaveh no nanao araka izay nolazainy tamin'ny alalan'i Elia mpanompony." [11]Ka novonoin'i Jeho izay sisa tavela tamin'ny fianakavian'i Ahaba tany Jezirela, sy ireo lehilahy manan-danjany, ireo namany akaiky, ireo mpisorony, mandra-pahalany tamingana azy ireo.
[12]Avy eo dia nitsangana i Jeho ka lasa; nankany Samaria izy. Ary raha vao tonga tao Bet-ekedan'ny mpiandry ondry izy, [13]dia nifanena tamin'ireo rahalahin'i Ahazia mpanjakan'i Joda. Hoy i Jeho tamin'izy ireo: "Iza ianareo?" Namaly izy ireo hoe: "Rahalahin'i Ahazia izahay, ary hidina mba hiarahaba ireo zanaky ny mpanjaka sy ireo zanak'i Jezebela Mpanjakavavy izahay." [14]Hoy i Jeho tamin'ireo lehilahiny: "Ataovy sambo-belona izy ireo." Ka nataon'izy ireo sambo-belona izy ireo ary novonoiny tany amin'ny lavaka famorian-dranon'i Bet-ekda, ireo roa amby efapolo lahy. Tsy nisy navelany ho velona izy ireo.
[15]Rehefa niala teo i Jeho, dia nifanena tamin'i Jonadaba zanaka lahin'i Rekaba ary nanatona azy. Niarahaba azy i Jeho ka nilaza taminy hoe: "Miaraka amiko ve ny fonao, tahaka ny foko izay miaraka amin'ny anao?" Namaly i Jonadaba hoe: "Izany tokoa." Hoy i Jeho: "Raha izany tokoa no izy, dia atolory ahy ny tananao." Ka natolotr'i Jonadaba azy ny tanany, ary nampiakarin'i Jeho niaraka taminy teo amin'ny kalesiny i Jonadaba. [16]Hoy i Jeho "Miaraha amiko ka jereo ny zotom-poko ho an'i Yaveh." Ka niara-nandeha taminy tao amin'ny kalesiny i Jonadaba. [17]Raha tonga tany Samaria izy, dia novonoin'i Jeho avokoa ny taranak'i Ahaba izay sisa tavela tany Samaria, mandra-pandringanany ny fianakavian'i Ahaba mpanjaka, araka izay efa nolazaina tamin'izy ireo tany aloha tamin'ny alalan'ny tenin'i Yaveh, izay nolazainy tamin'i Elia.
[18]Ary nampivory ny olona rehetra niaraka i Jeho ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Ahaba dia nanompo an'i Bala kelikely ihany, fa i Jeho kosa hanompo azy fatratra. [19]Ankehitriny ary antsoy ho eto amiko avokoa ireo mpaminan'i Bala rehetra, sy ireo mpanompo azy rehetra, ary ireo mpisorony rehetra. Aoka tsy hisy tavela, satria manana fanatitra lehibe hatolotra ho an'i Bala aho. Izay rehetra tsy tonga dia tsy ho velona." Fa nataon'i Jeho izany mba ho famitahana, tamin'ny fikasany

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hamono ireo mpanompon'i Bala. [20]Hoy i Jeho: "Manokàna fotoana iray mba hanaovana fivoriana ho an'i Bala." Ka nambaran'izy ireo izany.
[21]Ary naniraka manerana an'Israely rehetra sy ireo mpanompo an'i Bala rehetra i Jeho, mba tsy hisy olona tavela ka tsy tonga. Tonga tao amin'ny tempolin'i Bala izy ireo, ary feno na hatraiza na hatraiza. [22]Nilaza tamin'ilay lehilahy mpitahiry ny akanjon'ny mpisorona i Jeho hoe: "Mamoaha akanjo ho an'ireo mpisoron'i Bala rehetra." Ka namoaka akanjo ho azy ireo ilay lehilahy.
[23]Ary lasa niaraka tamin'i Jonadaba zanaka lahin'i Rekaba ho ao an-tranon'i Bala i Jeho, ary hoy izy tamin'ireo mpanompon'i Bala: "Zahao, ary ataovy azo antoka fa tsy hisy avy amin'ny mpanompon'i Yaveh ny iray aminareo eto, fa mpanompon'i Bala ihany." [24]Dia nandeha nanolotra sorona sy fanatitra dorana izy ireo. Ary nifidy lehilahy valopolo hitsangana eo ivelany i Jeho, ary hoy izy tamin'izy ireo: "Raha misy tafatsoaka amin'ireo lehilahy izay entiko eo an-tananareo, na iza na iza mamela izany olona izany handositra, dia ho esorina aminy ny ainy ho solon'ilay tafatsoaka."
[25]Ary vantany vao vitan'i Jeho ny fanolorana ny fanatitra dorana, dia hoy izy tamin'ilay mpiambina sy ireo kapiteny: "Midira ka vonoy izy ireo. Aza avela hisy ho tafavoaka." [26]Ka novonoin'izy ireo tamin'ny lelan-tsabatra ireo, ary ny mpiambina sy ireo kapiteny nanipy azy ireo tany ivelany ary niditra tao an'efitra anatin'ny tranon'i Bala. Notarihin'izy ireo nivoaka ny andry vato tao an-tranon'i Bala, ary nodoran'izy ireo izany. [27]Avy eo dia narodan'izy ireo ny andrin'i Bala, ka noravainy ny tranon'i Bala ary nataony trano fivoahana, ary mandraka ankehitriny izany. [28]Toy izany no nandravan'i Jeho ny fanompoana an'i Bala tany Israely.
[29]Kanefa tsy nandao ireo fahotan'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata i Jeho, izay nampanotàny ny Israely_izay fanompona ny ombilahy kely volamena tany Betela sy Dana. [30]Ka hoy i Yaveh tamin'i Jeho hoe: "Satria ianao nanao izay tsara tamin'ny fanatanterahana izay marina teo imasoko, ary nanao ny ankohonan'i Ahaba araka izay rehetra tato am-poko, ireo taranakao dia hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'Israely hatramin'ny taranaka fahefatra." [31]Fa tsy niraraha izay handeha amin'ny lalàn'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, tamin'ny fony manontolo i Jeho. Tsy niala tamin'ny fahotan'i Jeroboama izy, izay nampanotàny ny Israely.
[32]Tamin'ireo andro ireo i Yaveh no nanomboka nametra ny faritr'Israely, ary i Hazaela nandresy ireo Israelita teny amin'ny sisin-tanin'ny Israely, [33]hatrany Jordana no ho miantsinanana, ny tanin'i Gileada rehetra, ny Gadita, ary ny Robenita, sy ny Manasita, avy any Aroera, izay avy eo amin'ny lohasahan'i Arnona, hatrany Gileada ka hatrany Basana.
[34]Raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Jeho, sy izay rehetra nataony, sy ny fahefany rehetra, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ny mpanjakan'Israely ve izany? [35]Nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Jeho, ary nalevin'izy ireo tany Samaria izy. Ary i Joahaza zanany lahy no lasa mpanjaka nandimby azy. [36]Valo amby roapolo taona ny fotoana nanjakan'i Jeho teo amin'Israely tany Samaria.

11 [1]Nony hitan'i Atalia, renin'i Ahazia, fa maty ny zanany, dia nitsangana izy ary namono ny zanaky ny mpanjaka rehetra. [2]Nefa i Joseba, zanaka vavin'i Jehorama Mpanjaka aryy anabavin'i Ahazia, dia naka an'i Joasy zanak'i Ahazia, ary nanafina azy lavitra teo amin'ireo zanaky ny mpanjaka izay novonoina, miaraka amin'ny mpitaiza azy; nataony tao amin'ny efitrano fatoriana izy ireo. [3]Nafenin'izy ireo an'i Atalia izy mba tsy hovonoina. Niaraka tamin'i Joseba izy, nafenina tao an-tranon'i Yaveh, nandritra ny enin-taona, raha mbola nanjaka teo amin'ny tany i Atalia.
[4]Ary tamin'ny taona fahafito, dia nandefa hafatra sy nitondra ireo mpifehy ny Karita sy ny mpiambina an-jatony i Joiada, ary nitondra azy ireo ho azy, tao an-tempolin'i Yaveh. Dia nanao fanekena tamin'izy ireo izy, ka nasainy nanao voady tao an-tranon'i Yaveh izy ireo. Avy eo dia nasehony azy ireo ny zanaky ny mpanjaka. [5]Nibaiko azy ireo izy, nanao hoe: "Izao no tsy maintsy ataonareo. Ny telo aminareo izay tonga amin'ny andro Sabata dia hiambina ny tranon'ny mpanjaka, [6]ary ny telo ho ao amin'ny Vavahadin'ny Sora, ary ny telo ao am-bavahady ao ahorian'ny trano fiambenana."
[7]Ireo vondrona roa hafa izay tsy manompo amin'ny andro Sabata, dia tsy maintsy miambina ny tranon'i Yaveh ho an'ny mpanjaka ianareo. [8]Tokony mihodidina ny mpanjaka ianareo, ary ny olona rehetra miaraka amin'ny fitaovam-piadiany eny an-tanany. Na iza na iza miditra eo an-daharanareo, dia aoka hovonoina izy. Tsy maintsy hanaraka ny mpanjaka ianareo rehefa mivoaka, sy rehefa miditra izy.
[9]Ary ireo mpifehy an-jatony dia nankatò ny zavatra rehetra izay nandidian'i Joiada mpisorona. Samy naka ny olony ny tsirairay, ireo izay niditra mba hanompo tamin'ny Sabata, sy ireo izay hitsahatra hanompo tamin'ny Sabata; dia nandeha tany amin'i Joiada mpisorona izy ireo. [10]Ary nomen'i Joiada mpisorona ny mpifehy an-jatony ny lefona sy ny apinga izay an'i Davida Mpanjaka sy izay tao an-tranon'i Yaveh.
[11]Ary nitsangana ireo mpiambina, ny olona tsirairay miaraka amin'ny fitaovam-piadiany eny an-tanany, teo ankavanan'ny tempoly hatrany ankavia, akaikin'ny alitara sy ny tempoly, miodidina ny mpanjaka. [12]Dia nentin'i Joiada nivoaka i Joasy zanaky ny mpanjaka, nametrahany satro-boninahitra, ary nomeny azy ny didy fanekena. Dia nataony mpanjaka sy nosoran'izy ireo izy. Nitehaka izy ireo ary niteny hoe: "Ho ela velona anie ny mpanjaka!"
[13]Rehefa ren'i Atalia ny tabataban'ireo mpiambina sy ny olona, dia nankao amin'ny olona tao an-tranon'i Yaveh izy.
[14]Nijery izy, ary indro, ny mpanjaka nitsangana teo akaikin'ny tsangam-bato, araka ny fanao, ary ireo kapiteny sy ireo mpitsoka trompetra dia teo anilan'ny mpanjaka. Ary ny olona rehetra teo amin'ny tany dia nifaly sy nitsoka trompetra. Dia nandriatra ny akanjony i Atalia ka nihiaka mafy hoe: "Mpamadika! Mpamadika!"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Avy eo i Joiada mpisorona nandidy ireo mpifehy an-jatony izay teo amin'ny tafika, nanao hoe: "Avoay eo an-daharana izy. Na iza na iza manaraka azy, dia vonoy amin'ny sabatra izy." Fa ny mpisorona nilaza hoe: "Aza avela hovonoina ao an-tranon'i Yaveh izy." [16]Ka nisambotra azy izy ireo raha tonga teo amin'ilay toerana izay fidiran'ny soavaly ao an-kianjan'ny lapa izy, ary teo no namonoana azy.
[17]Ary nanao fanekena teo amin'i Yaveh sy ny mpanjaka ary ny vahoaka i Joiada, ary teo amin'ny mpanjaka sy ny olona ihany ko, mba ho olon'i Yaveh izy ireo. [18]Ary ny olona rehetra teo amin'ny tany nankany amin'ny tranon'i Bala ka nanimba izany. Namotipotika ireo alitaran'i Bala sy ny sampiny vosokitra izy ireo, ary namono an'i Matana, ilay mpisoron'i Bala teo anoloan'ireo alitara izy ireo. Ary Joiada mpisorona nanendry ireo mpiambina hifehy ny tempolin'i Yaveh.
[19]Nentin'i Joiada nanaraka azy ny mpifehy an-jatony, ireo Karita, ny mpiambina, ary ny olona rehetra teo amin'ny tany, ary niaraka nitondra ny mpanjaka nidina avy tany an-tranon'i Yaveh izy ireo, ka niditra tao an-tranon'ny mpanjaka, miditra amin'ny lalana eo am-bavahadin'ireo mpiambina. Naka ny toerany teo amin'ny seza fiandrianan'ny mpanjaka i Joasy. [20]Ary nifaly ny olona rehetra teo amin'ny tany, ka nilamina ny tanàna taorian'ny namonoana an'i Atalia tamin'ny sabatra tao an-tranon'ny mpanjaka.
[21]Fito taona i Joasy no nanomboka nanjaka.

12 [1]Tamin'ny fahafito taona nanjakan'i Jeho, no nanomboka ny fanjakan'i Joasy; nanjaka nandritra ny efapolo taona tao Jerosalema izy. Zibia no anaran-dreniny, avy any Beri-sheba. [2]Nanao izay marina teo imason'i Yaveh i Joasy tamin'ny fotoana rehetra, satria nampianatra azy i Joiada mpisorona. Kanefa ireo toerana avo tsy noravàna. [3]Mbola nanao sorona sy nandoro ditin-kazo manitra teo amin'ireo toerana avo ihany ny vahoaka.
[4]Hoy i Joasy tamin'ireo mpisorona hoe: "Ny vola rehetra izay nentina ho fanatitra masina tao an-tranon'i Yaveh, dia ny vola izay notombanan'ny olona tsirairay—na ny vola nangonina tamin'ny fanisam-bahoaka izany, na ny vola azo tamin'ny voady manokana, na ny vola nentin'ny olona tamin'ny fandrisihan'i Yaveh tao am-pon'izy ireo mba hanome—
[5]dia tokony ho raisin'ireo mpisorona ny vola avy amin'ny iray amin'ireo haren'izy ireo ary hanamboarana izay fahavoazana hita tao an-tempoly."
[6]Fa tamin'ny fahatelo amby roapolo taona nanjakan'i Joasy Mpanjaka, dia tsy nanamboatra na inona na inona tao an-tempoly ireo mpisorona. [7]Ary niantso an'i Joiada mpisorona sy ireo mpisorona hafa i Joasy mpanjaka; hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no tsy nanamboatra na inona na inona tao an-tempoly? Ankehitriny aza maka vola amin'ny mpandoa hetra intsony, fa raiso izay efa voaangona mba hanamboarana ny tempoly ary omeo an'ireo izay afaka manao ny fanamboarana izany." [8]Noho izany dia nanaiky tsy hitaky vola amin'ny vahoaka sy tsy hanamboatra ny tempoly intsony ireo mpisorona.
[9]Fa kosa, naka vata iray Joiada mpisorona, nandoaka ny sarony, ary nametraka izany teo akaikin'ny alitara, teo ankavanan'ny fidirana ao amin'ny tranon'i Yaveh. Ireo mpisorona izay niandry ny fidirana ao an-tempoly dia nametraka ny vola rehetra izay nentina ho ao an-tranon'i Yaveh tao amin'izany. [10]Isaky ny hitan'izy ireo fa be vola tao anatin'ilay vata, dia tonga ny mpanora-dalàn'ny mpanjaka sy ny mpisoronabe ary nametraka ny vola tao anaty kitapo ary manisa izany avy eo, ilay vola hita tao an-tempolin'i Yaveh.
[11]Natolotr'izy ireo teo an-tanan'ireo lehilahy izay nikarakara ny tempolin'i Yaveh ny vola izay voalanja. Nomen'izy ireo an'ireo mpandrafitra sy ireo mpanamboatra izay niasa tao an-tempolin'i Yaveh izany, [12]ary ho an'ireo mpanao trano sy ireo mpikapoka vato, mba hividianana hazo sy vato voakapa mba hanamboarana ny tempolin'i Yaveh, sy ho an'ny zavatra rehetra izay ilaina vidiana hanamboarana izany.
[13]Fa ny vola nentina tao an-tranon'i Yaveh dia tsy nanomezana hividianana lovia volafotsy, antsy, koveta, trompetra, na fanaka volafotsy na volamena ho an'izany. [14]Nomen'izy ireo an'ireo izay nanao ny asa fanamboarana ilay tranon'i Yaveh izany vola izany.
[15]Fanampin'izany, tsy nangataka ilay vola nomena hanaovana fanamboarana mba ho isain'ireo lehilahy izay nandray izany izy ireo ary nanome izany ho an'ireo mpiasa, satria marina ireo lehilahy ireo. [16]Fa ny vola ho an'ny fanatitra nohon'ny heloka sy ny fanatitra nohon'ny ota dia tsy nentina tao an-tempolin'i Yaveh, satria an'ireo mpisorona izany.
[17]Ary nanafika sy niady tamin'i Gata i Hazaela mpanjakan'i Syria, ary nahazo izany. Avy eo dia nitodika hanafika an'i Jerosalema i Hazaela. [18]Nalain'i Joasy mpanjakan'i Joda ny zavatra rehetra izay natokan'i Josafata sy Jehorama ary Ahazia, ireo razambeny, ireo mpanjakan'i Joda, sy ireo volamena hita tao amin'ny efitra fitehirizana tao an-tranon'i Yaveh sy ny mpanjaka ary nandefa ireo tany amin'i Hazaela mpanjakan'i Syria. Dia lasa niala tao Jerosalema i Hazaela.
[19]Raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Joasy, izay rehetra nataony, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Joda ve izany? [20]Nitsangana ireo mpanompony ary niara-nanao tetika; notafihan'izy ireo tany Beti-milo i Joasy, any amin'ny lalana midina mankany Sila. [21]Notafihan'i Jozakara zanaka lahin'i Simata, sy Jozabada zanaka lahin'i Somera, mpanompony izy, ka maty. Nalevin'izy ireo niaraka tamin'ireo razambeny tao amin'ny tanànan'i Davida i Joasy, ary Amazia, zanany lahy, no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.

13 [1]Tamin'ny taona fahatelo amby roapolo naha-mpanjakan'i Joda an'i Joasy zanaka lahin'i Ahazia, no nanomboka nanjaka teo amin'Israely tany Samaria i Joahaza; fito ambin'ny folo taona izy no nanjaka. [2]Nanao izay ratsy teo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

imason'i Yaveh izy ary nanaraka ireo fahotan'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata, izay nahatonga an'Israely hanota; ary tsy niala tamin'izany i Joahaz.
[3]Nirehitra tamin'Israely ny fahatezeran'i Yaveh, ary nanolotra azy ireo teny an-tanan'i Hazaela mpanjakan'i Syria hatrany Izy ary teny an-tanan'i Beni-Hadada zanaka lahin'i Hazaela. [4]Ka dia niangavy an'i Yaveh i Joahaza, ary nihaino azy Izy satria hitany ny fampahoriana ny Israely, ny fomba nampahorian'ny mpanjakan'i Syria azy ireo. [5]Ka nomen'i Yaveh mpamonjy ny Israely, ary nitsoaka avy tamin'ny tanan'ireo Syriana izy ireo, ary ny zanak'Israely nanomboka nitoetra tany amin'ireo fonenany arak'izay nananan'izy ireo tany aloha.
[6]Na izany aza anefa, dia tsy niala tamin'ireo fahotan'ny ankohonan'i Jeroboama izy ireo, izay nahatonga ny Israely hanota, ary nanohy izany izy ireo, ary ny baon'Aseraha nijanona tany Samaria. [7]Ka nandao an'i Joahaza ireo Syriana niaraka tamin'ny mpitaingin-tsoavaly dimampolo, kalesy folo, ary miaramila an-tongotra iray alina fotsiny, fa ny mpanjakan'i Syria efa nandrava azy ireo, ary nanao azy ireo toy ny akofa amin'ny fotoam-pikosoham-bary.
[8]Raha ny amin'ireo zavatra hafa mahakasika an'i Joahaza, sy izay nataony rehetra ary ny fahefany, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely ve izany? [9]Ka nodimandry tany amin'ireo razany i Joahaza, ary nandevina azy tany Samaria izy ireo. Dia i Joasy zanany lahy no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.
[10]Tamin'ny taona fahafito amby telopolo naha-mpanjakan'i Joda an'i Joasy, ny fanjakan'i Joasy zanaka lahin'i Joahaza dia nanomboka teo amin'Israely tany Samaria; enina ambin'ny folo taona no nanjakany. Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy. [11]Tsy mbola niala tamin'ireo fahotan'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata izy, izay nampatonga an'Israely hanota, saingy tany amin'ireny no nandehanany.
[12]Raha ny amin'ireo zavatra hafa mahakasika an'i Joasy, sy izay nataony rehetra, ary ny heriny tamin'izay niadiany tamin'i Amazia mpanjakan'i Joda, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'ny Israely ve izany? [13]Dia nodimandry tany amin'ireo razambeny i Joasy, ary i Jeroboama no nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany. Dia nalevina niaraka tamin'ireo mpanjaka tany Samaria i Joasy.
[14]Ary narary nohon'ny aretina iray izay nahafaty azy i Elisa taty aoriana, ka nidina tany aminy i Joasy mpanjakan'Israely ary nitomany teo aminy. Hoy izy hoe: "Ry raiko, ry raiko, ireo kalesin'ny Israely sy ny mpitaingin-tsoavaly no maka anao!"
[15]Dia hoy i Elisa taminy: "Makà tsipìka ary zana-tsipìka maromaro" Ka dia naka tsipìka sy zana-tsipìka maromaro i Joasy.
[16]Hoy i Elisa tamin'ny mpanjakan'Israely hoe: "Ataovy eo amin'ilay tsipìka ny tananao," Ka nataony teo amin'izany ny tanany. Avy eo napetrak'i Elisa teo amin'ny tanan'ny mpanjaka ny tanany.
[17]Hoy i Elisa hoe: "Sokafy miantsinana ny varavarankely." Dia nosokafany izany. Dia hoy i Elisa hoe: "Tifiro", ka nitifitra izy. Dia hoy i Elisa: "Izany no zana-tsipìkam-pandresen'i Yaveh, zana-tsipìkam-pandresen'i Yaveh teo amin'i Syria, fa hanafika ireo Syriana any Afeka ianao mandra-pahalevonao azy ireo." [18]Dia hoy i Elisa hoe: "Raiso ireo zana-tsipìka," ka noraisin'i Joasy ireo. Dia hoy izy tamin'ny mpanjakan'Israely hoe: "Kapohy amin'ireny ny tany," ka nikapoka ny tany intelo izy, ary nijanona avy eo. [19]Saingy tezitra taminy ilay lehilahin'Andriamanitra ka nanao hoe: "Tokony indimy na inenina no namelezanao ny tany. Avy eo dia tokony nanafika an'i Syria ianao mandra-paharinganao izany, nefa ankehitriny intelo ihany ianao no hanafika an'i Syria."
[20]Avy eo dia maty i Elisa, ary nandevina azy izy ireo. Ary nisy andiana Moabita nanafika ny tany tamin'ny fiatombohan'ny taona. [21]Raha nandevina ilay lehilahy izy ireo, dia nahita andiana Moabita iray izy, ka nanipy ilay vatana tao am-pasan'i Elisa. Raha vantany vao nahakasika ny taolan'i Elisa ny vatana mangatsiakan'ilay lehilahy, dia velona indray izy ary nitsangana.
[22]Nampahory ireo Israely tamin'ny andron'i Joahaza mpanjaka rehetra i Hazaela mpanjakan'i Syria. [23]Nefa namindra fo ny Israely i Yaveh, ka nangoraka azy ireo ary nihantra azy ireo, nohon'ny fanekem-pihavanana nataony tamin'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba. Ka tsy nandringana azy ireo i Yaveh, ary mbola tsy nandroaka azy ireo tamin'ny fanatrehany Izy. [24]Maty i Hazaela mpanjakan'i Syria, ka i Beni-hadada zanany lahy no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.
[25]Namerina ireo tanàna izay nalaina tamin'i Joahaza rainy tamin'ny ady tamin'i Beni-hadada zanak'i Hazaela i Joasy zanak'i Hazaela. Intelo i Joasy no nanafika azy, ary naka ireo ny tanànan'Israely ireo indray izy.

14 [1]Tamin'ny faharoa taona naha-mpanjaka an'i Joasy zanaka lahin'i Joahaza, mpanjakan'Israely, dia nanomboka nanjaka i Amazia zanak'i Joasy, mpanjakan'i Joda. [2]Dimy amby roapolo taona izy no nanomboka nanjaka; nanjaka sivy amby roapolo taona tao Jerosalema izy. Ny anaran'ny reniny dia i Joadana, avy any Jerosalema. [3]Nanao izay marina teo imason'i Yaveh izy, fa tsy tahaka an'i Davida rainy. Izy dia nanao ny zavatra rehetra izay nataon'i Joasy, rainy.
[4]Saingy tsy nesorina ireo toerana avo. Nanohy nanao sorona sy nandoro ditin-kazo manitra teny amin'ireo toerana avo ireo ny olona. [5]Ary raha vantany vao tafapetraka tsara ny fitondràny, dia novonoiny ireo mpanompo izay namono ny rainy, dia ny mpanjaka.
[6]Fa mbola tsy novonoiny ny zanak'ireo mpamono olona, fa nanao araka ny voasoratra tao amin'ny lalàna, tao amin'ny Ny Bokin'i Mosesy kosa izy, araka ny efa nandidian'i Yaveh, nanao hoe: "Tsy tokony ho vonoina nohon'ny fahotan'ireo zanany ireo ray, na ho vonoina nohon'ny fahotan'ireo ray aman-dreniny ireo zanany. Fa ny olona tsirairay kosa dia tokony ho vonoina nohon'ny fahotany manokana." [7]Namono miaramila Edomita iray alina izy tao amin'ny Lohasahan-tsira izy; nalainy tany an'ady ihany koa i Sela, ary nantsoiny hoe: Joktela, izay fiantsoana azy mandraka ankehitriny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Ary nandefa mpitondra hafatra ho any amin'i Joasy zanaka lahin'i Joahaza, zanaka lahin'i Jeho, mpanjakan'Israely i Amazia nanao hoe: "Avia, andao isika hifanandrina any an'ady." [9]Saingy Joasy mpanjakan'Israely dia nandefa mpitondra hafatra hiverina tany amin'i Amazia mpanjakan'i Joda, nanao hoe: "Ny tsilo izay tany Libanona dia nampitondra hafatra ho an'ny sedera tao Libanona, nanao hoe: 'Omeo ho vadin'ny zanako lahy ny zanakao vavy,' saingy nisy bibi-dia nandalo ary nanitsaka ilay tsilo. [10]Efa nanafika an'i Edoma tokoa ianao, efa nanandratra anao ny fonao. Mireharehà amin'ny fandresenao, saingy mijanòna ao an-trano, fa nahoana ianao no tokony hanakorontana sy handavo ny tenanao, dia ianao sy i Joda niaraka taminao?"
[11]Fa tsy nihaino i Amazia. Ka nanafika i Joasy mpanjakan'Israely ary nifanatri-tava tao Bety-semesy izy sy Amazia, mpanjakan'i Joda, izay an'i Joda. [12]Resin'Israely i Joda, ary nandositra nody ny lehilahy rehetra.
[13]Nosamborin'i Joasy mpanjakan'Israely tao Beti- semesy i Amazia mpanjakan'i Joda zanak'i Joasy zanaka lahin'i Ahazia. Tonga tao Jerosalema izy ary nandrodana ny rindrina nanomboka teo amin'ny vavahadin'i Efraima hatrany amin'ny Vavahady Zorony, efajato hakiho ny halavirany. [14]Nalainy avokoa ny volamena sy ny volafotsy rehetra, ireo zavatra rehetra hita tao an-tranon'i Yaveh, sy ireo zavatra manan-danja rehetra tao amin'ny lapan'ny mpanjaka, niaraka tamin'ireo takalon'aina ihany koa, ary niverina tany Samaria izy.
[15]Raha ny amin'ireo zavatra hafa mahakasika an'i Joasy, izay rehetra nataony, ny fahefany, ary ny fomba niadiany tamin'i Amazia mpanjakan'i Joda, moa tsy efa voasoratra ao anatin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely ve izany? [16]Ary nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Joasy ary nalevina tany Samaria niaraka tamin'ireo mpanjakan'Israely, ary Jeroboama, zanany lahy, no lasa mpanjaka nandimby azy.
[17]Amazia zanak'i Joasy, mpanjakan'i Joda, dia niaina dimy ambin'ny folo taona taorian'ny nahafatesan'i Joasy, zanak'i Joahaza, mpanjakan'Israely. [18]Raha ny amin'ireo zavatra hafa mahakasika an'i Amazia, moa tsy efa voasoratra ao anatin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Joda ve izany? [19]Nanao tetika hanoherana an'i Amazia tao Jerosalema izy ireo, ary nandositra tany Lakisy izy. Nandositra tany Lakisy izy, saingy nandefa lehilahy hanaraka azy tany Lakisy izy ireo ary namono azy tany.
[20]Nentin'izy ireo niverina tamin'ny soavaly izy, ary nalevina niaraka tamin'ireo razambeny tao amin'ny tanànan'i Davida.
[21]Ny vahoakan'i Joda rehetra dia naka an'i Azaria, izay enina ambin'ny folo taona, ary nanao azy ho mpanjaka teo amin'ny toeran'i Amazia rainy. [22]Azaria no nanorina indray an'i Elota ary namerina izany tao Joda, ary nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Amazia.
[23]Tamin'ny fahadimy ambin'ny folo taona naha-mpanjaka an'i Amazia, zanaka lahin'i Joasy mpanjakan'i Joda, no nanombohan i Jeroboama zanaka lahin'i Joasy mpanjakan'Israely nanjaka tao Samaria; nanjaka nandritry ny iraika amby efapolo taona izy. [24]Nanao ratsy teo imason'i Yaveh izy. Tsy niala tamin'ireo fahotana nataon'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata izy, izay nahatonga ny Israely hanota. [25]Namerina ny sisin-tanin'Israely nanomboka teo Lebo Hamata hatrany amin'ny Ranomasin'ny Arabà izy araka ny tenin'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, izay efa noresahany tamin'i Jona mpanompony zanak'i Amitahy, ilay mpaminany, avy any Gata-hefera.
[26]Fa hitan'i Yaveh ny fijalian'Israely, izay tena nangidy tamin'ny tsirairay, na ny andevo na ny afaka, ary tsy nisy mpanavotra ny Israely. [27]Ka niteny i Yaveh fa tsy hanimba ny anaran'Israely eo amin'ny ambany lanitra Izy, fa novonjeny tamin'ny alalan'ny tanan'i Jeroboama zanak'i Joasy kosa izy ireo.
[28]Raha ny amin'ireo zavatra hafa mahakasika an'i Jeroboama, ireo rehetra izay nataony, ny fahefany, ny niadiany sy namerenany an'i Damaskosy sy Hamata, izay an'i Joda, ho an'Israely, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely ve izany? [29]Nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Jeroboama, niaraka tamin'ireo mpanjakan'Israely, ary i Zakaria zanany lahy no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.

15 [1]Tamin'ny taona fahafito amby roapolo nanjakan'i Jeroboama mpanjakan'Israely, no nanomboka nanjaka i Azaria zanak'i Amazia mpanjakan'i Joda. [2]Enina ambin'ny folo taona i Azaria no nanomboka nanjaka, ary nanjaka tao Jerosalema nandritra ny roa amby dimampolo taona izy. Jekolia no anaran-dreniny, ary avy any Jerosalema izy. [3]Nanao izay marina teo imason'i Yaveh izy, araka izay nataon'i Amazia rainy.
[4]Na dia izany aza dia tsy mba nalàna ireo toerana avo. Mbola nanao sorona sy nandoro ditin-kazo manitra teo amin'ireo toerana avo ihany ny olona. [5]Nampahory ny mpanjaka i Yaveh hany ka boka hatramin'ny andro nahafatesany izy ary nipetraka tao amina trano misara-toerana. Jotama, zanaka lahin'ny mpanjaka, no lohan'ny ankohonana ary nanapaka teo amin'ny vahoaka tao amin'ny tany.
[6]Ary ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Azaria, sy izay rehetra nataony, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Joda ve izany? [7]Ka nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Azaria, nalevin'izy ireo tany amin'ny tanànan'i Davida niaraka tamin'ireo razambeny izy. I Jotama, zanany lahy, no lasa mpanjaka nandimby ny toerany.
[8]Tamin'ny fahavalo amby telopolo taona nanjakan'i Azaria mpanjakan'i Joda, dia i Zakaria zanak'i Jeroboama no nanjaka teo amin'Israely tany Samaria nandritra ny enim-bolana. [9]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy, tahaka ny nataon'ireo razany. Tsy niala tamin'ny fahotan'i Jeroboama zanak'i Nebata, izay nahatonga ny Israely nanota izy.
[10]Nikononkonona hanohitra an'i Zakaria i Saloma zanak'i Jabesy, nanafika azy tany Ibleama, ary namono azy. Dia lasa mpanjaka nandimby ny toerany izy. [11]Ny amin'ny raharaha hafa mahakasika an'i Zakaria, dia voasoratra ao amin'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely ireo. [12]Izao no tenin'i Yaveh izay nambarany tamin'i Jeho, manao hoe: "Hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'Israely hatramin'ny taranaka fahefatra mandimby ny taranakao." Dia nitranga izany.
[13]Nanomboka nanjaka i Saloma zanak'i Jabesy tamin'ny fahasivy amby telopolo taona nanjakan'i Azaria mpanjakan'i Joda, ary nanjaka iray volana monja tao Samaria izy. [14]Ary niakatra avy any Tirza ho any Samaria i Menahema zanak'i Gady. Tany no nanafihany an'i Saloma zanak'i Jabesy, tao Samaria. Nahafaty azy izy ka tonga mpanjaka nandimby ny toerany.
[15]Ny amin'ny raharaha hafa mahakasika an'i Saloma sy ny fikononkononana narafiny, dia voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely izany. [16]Dia nanafika an'i Tifsa sy ireo rehetra teo, sy ny sisin-tany nanodidina an'i Tirza i Menahema, satria tsy novohain'izy ireo ho azy ny tanàna. Ka notafihany izany, ary notatahany avokoa ireo vehivahy bevohoka tao amin'izany tanàna izany. [1]
[17]Tamin'ny fahasivy amby telopolo taona nanjakan'i Azaria mpanjakan'i Joda, dia nanomboka nanjaka teo amin'Israely i Menahema zanak'i Gady; nanjaka nandritra ny folo taona tao Samaria izy. [18]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy. Nandritra ny androm-piainany, dia tsy niala tamin'ny fahotan'i Jeroboama zanak'i Nebata izy, izay nahatonga ny Israely nanota.
[19]Ary tonga hanohitra ny tany i Pola mpanjakan'i Asyria, ary nomen'i Menahema talenta volafotsy arivo i Pola, mba homba azy ny fanohanan'i Pola ka hampatanjaka ny fanjakan'Israely teo an-tanany. [20]Nalain'i Menahema avy tamin'ny Israely tamin'ny alalan'ny fitakiana ny olona manan-karena tsirairay mba handoa sekely volafotsy dimampolo aminy mba homena ny mpanjakan'i Asyria io vola io. Ka nitodi-doha niverina ny mpanjakan'i Asyria ary tsy nitoetra tao amin'ny tany.
[21]Raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Menahema, sy ireo rehetra nataony, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely ve izany? [22]Ary nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Menahema, ka Pekahia zanany no lasa mpanjaka nandimby ny toerany.
[23]Ary tamin'ny faha-dimampolo taona nanjakan'i Azaria mpanjakan'i Joda, no nanomboka nanjaka teo amin'Israely tao Samaria i Pekahia zanak'i Menahema; nanjaka nandritra ny roa taona izy. [24]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy. Tsy mba nanary ny fahotan'i Jeroboama zanak'i Nebata, izay nahatonga ny Israely nanota izy.
[25]Nanana lefitra iray nantsoina hoe: Peka zanak'i Remalia i Pekahia, izay nikononkonona hanohitra azy. Niaraka tamin'ireo dimampolo lahin'i Gileada, dia namono an'i Pekahia sy Argoba ary Aria tany Samaria i Peka, tao amin'ny trano mimandan'ny lapan'ny mpanjaka. Novonoin'i Peka i Pekahia ary izy no lasa mpanjaka nandimby ny toerany. [26]Raha ny amin'ny raharaha hafa mahakasika an'i Pekahia, sy ireo rehetra nataony, dia voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely izany.
[27]Tamin'ny faharoa amby dimampolo taona nanjakan'i Azaria mpanjakan'i Joda, no nanombohan'i Peka zanak'i Remalia nanjaka teo amin'Israely tao Samaria; nanjaka nandritra ny roapolo taona izy. [28]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy. Tsy niala tamin'ny fahotan'i Jeroboama zanak'i Nebata, izay nahatonga ny Israely nanota izy.
[29]Tamin'ny andron'i Peka mpanjakan'Israely, dia tonga ka naka an'Iona, Abela-beti-maka, Janoa, Kadesy, Hazora, Gileada, Galilia, ary ny tanin'i Naftaly rehetra i Tiglato-pilesera mpanjakan'i Asyria. Ary nitondra ny vahoaka nankany Asyria izy.
[30]Koa dia nandrafitra fikononkononana nanohitra an'i Peka zanak'i Remalia i Hosea zanak'i Ela. Nanafika azy izy ka nahafaty azy. Dia tonga mpanjaka nandimby ny toerany izy, tamin'ny faharoapolo taona nanjakan'i Jotama zanak'i Ozia.
[31]Raha ny amin'ny raharaha hafa mahakasika an'i Peka, sy izay rehetra nataony, dia voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'Israely izany.
[32]Tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Peka zanak'i Remalia, mpanjakan'Israely, dia nanomboka nanjaka i Jotama zanak'i Azaria, mpanjakan'i Joda. [33]Dimy amby roapolo taona izy fony nanomboka nanjaka; nanjaka nandritra ny enina ambin'ny folo taona tao Jerosalema izy. Jerosa no anaran'ny reniny; zanaka vavin'i Zadoka izy.
[34]Nanao izay marina teo imason'i Yaveh i Jotama. Nanaraka ny ohatra rehetra izay nataon'i Azaria rainy izy. [35]Kanefa, tsy mba nesorina ireo toerana avo. Mbola nanao sorona sy nandoro ditin-kazo manitra teo amin'ireo toerana avo ihany ny vahoaka. Natsangan'i Jotama ny vavahady ambonin'i Yaveh. [36]Raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Jotama, sy izay rehetra nataony, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Joda ve izany?
[37]Tamin'izany andro izany Yaveh dia nanomboka naniraka an'i Rezina mpanjakan'i Arama, sy Peka zanak'i Remalia, hanohitra an'i Joda. [38]Nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Jotama ary nalevina niaraka tamin'ireo razambeny tao amin'ny tanànan'i Davida, razany. Ary i Ahaza, zanany lahy, no lasa mpanjaka nandimby ny toerany.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe "Tifsa," dia misy dikan-teny taloha iray sy dikan-teny vaovao sasan-tsasany mivaky toy izao: "Tapoa."

---

16 [1]Tamin'ny fahafito ambin'ny folo taona nanjakan'i Peka zanak'i Remalia, no nanomboka nanjaka i Ahaza zanakin'i Jotama mpanjakan'i Joda. [2]Roapolo taona i Ahaza no nanomboka nanjaka, nanjaka nandritra ny fito ambin'ny folo taona tao Jerosalema izy. Tsy nanao izay marina teo imason'i Yaveh Andriamaniny, toy ny nataon'i Davida razambeny izy.
[3]Fa kosa, nanaraka ny lalan'ireo mpanjakan'Israely izy; nataony tao anaty afo ho fanatitra dorana ny zanany lahy, ho fanarahana ireo fampianarana ratsin'ireo firenena, izay efa noroasin'i Yaveh teo anoloan'ny vahoakan'Israely. [4]Nanolotra

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fanatitra izy sady nandoroditin-kazo manitra tany amin'ireo toerana avo, teny amin'ireo havoana, ary teny ambanin'ny hazo maitso rehetra.
[5]Ary i Rezina, mpanjakan'i Syria sy Peka zanak'i Remalia, mpanjakan'Israely dia niakatra mba hanafika an'i Jerosalema. Nanao fahirano an'i Ahaza izy ireo, nefa tsy naharesy azy izy ireo. [6]Tamin'izany fotoana izany, i Rezina mpanjakan'i Syria dia niverina naka an'i Elota ho an'i Syria ary nandroaka ireo olon'i Joda hiala an'i Elota. Avy eo dia nankany Elota ireo Syriana any amin'izay efa nonenan'izy ireo mandraka androany.
[7]Ka nandefa mpitondra hafatra ho any amin'i Tiglato-pilesera manjakan'i Asyria i Ahaza, manao hoe: "Mpanomponao aho sady zanakao." Mitsangàna ary vonjeo eo amin'ny tanan'ny mpanjakan'i Syria sy ny tanan'ny mpanjakan'Israely, izay efa nanafika ahy aho." [8]Dia nalain'i Ahaza ny volafotsy sy ny volamena izay hitany tao an-tranon'i Yaveh sy teo amin'ireo harenan'ny lapan'ny mpanjaka ary nalefany ho fanomezana ho an'ny mpanjakan'i Asyria izany. [9]Dia nihaino azy ny mpanjakan'i Asyria, ary niakatra nanohitra an'i Damaskosy ny mpanjakan'i Asyria, nandresy izany sy naka ireo vahoaka ho gadra ho an'i Kira. Novonoiny ihany koa i Rezina mpanjakan'i Syria.
[10]Nandeha tany Damaskosy i Ahaza mpanjaka mba hihaona amin'i Tiglato-pilesera mpanjakan'i Asyria. Nahita alitara iray tao Damaskosy izy. Nandefa ny modely sy ny sarin'ny alitara ary ny endriky ny asa ilaina rehetra tany amin'i Oria mpisorona izy. [11]Oria mpisorona dia nanamboatra alitara mitovy amin'ireo firafitra efa nalefan'i Ahaza mpanjaka avy any Damaskosy. Novitainy talohan'ny niverenan'i Ahaza mpanjaka avy any Damaskosy izany. [12]Rehefa tonga avy any Damakosy ny mpanjaka dia nahita ny alitara; nanatona ny alitara ny mpanjaka sady nanatitra fanatitra teo amin'izany.
[13]Nanao fanatitra dorana sy fanatitra vary izy, ary nandraraka ny fanatiny fisotro sy namafy ny rà avy amin'ny fanati-pihavanany teo amin'ny alitara. [14]Ny alitara varahina izay teo anatrehan'i Yaveh—dia nalàny teo anoloan'ny tempoly, avy teo anelanelan'ny alitarany sy ny tempolin'i Yaveh ary nataony teo amin'ny faritra avaratry ny alitarany izany.
[15]Avy eo dia nandidy an'i Oria mpisorona i Ahaza mpanjaka, nanao hoe: "Eo ambonin'ny alitara lehibe no handorana ny fanatitra dorana ny maraina ary ny hariva dia ny fanatitra vary, ary ireo fanatitra doran'ny mpanjaka sy fanatitra vary, miaraka amin'ireo fanatitra doran'ny vahoakan'ny tany rehetra, sy ireo fanatitra vary ary ireo fanatitra fisotron'izy ireo. Afafazo eo ambonin'izany ny rà rehetra avy amin'ny fanatitra dorana, ary ny rà rehetra avy amin'ny sorona. Fa ny alitara varahina dia ho ahy mba ho fakàna torohevitra." [16]Dia nanao araka izay nandidian'i Ahaza mpanjaka azy i Oria mpisorona.
[17]Avy eo dia nesorin'i Ahaza mpanjaka teo amin'ny tsanganana azo afindra ireo takelaka sy ireo koveta; nampidininy ihany koa ny koveta teo amin'ny omby varahina izay teo ambanin'izany ary napetraka teo amin'ny lampivato izany.
[18]Nohon'ny mpanjakan'i Asyria, dia nalàny ireo fandrakofana ho an'ny Sabata izay efa namboarin'izy ireo tao an-tempoly, mbamin'ny fidiran'ny mpanjaka teo ivelan'ny tempolin'i Yaveh.
[19]Raha ny raharaha hafa mahakasika an'i Ahaza sy izay nataony, moa tsy efa voasoratra ao anatin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Joda ve izany? [20]Nodimandry sy nalevina niaraka tamin'ireo razany tao an-tanànan'i Davida i Ahaza. Lasa mpanjaka nandimby azy i Hezekia zanany lahy.

17 [1]Tamin'ny taona faharoa ambin'ny folo nanjakan'i Ahaza mpanjakan'i Joda, no nanomboka ny fanjakan'i Hosea zanak'i Elaha. Nanjaka tao Samaria nanerana ny Israely nandritra ny sivy taona izy. [2]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy, tsy tahaka ireo mpanjakan'Israely izay teo alohany.[3]Nanafika azy i Salmanesera mpanjakan'i Asyria, ka tonga mpanompony i Hosea ary nitondra fanomezam-boninahitra ho azy.
[4]Ary hitan'ny mpanjakan'i Asyria fa nitetika hanohitra azy i Hosea, satria nandefa mpitondra hafatra nankany amin'i So mpanjakan'i Egypta i Hosea; ary koa, tsy mba nanolotra fanomezam-boninahitra ho an'ny mpanjakan'i Asyria izy, tahaka ny nataony isan-taona isan-taona. Ka nidin'ny mpanjakan'i Asyria izy ary nofatorany tany am-ponja. [5]Avy eo dia nanafika nanerana ny tany rehetra ny mpanjakan'i Asyria, ary nanafika an'i Samaria sy nanao fahirano an'izany nandritra ny telo taona. [6]Tamin'ny taona fahasivy naha-mpanjaka an'i Hosea, dia naka an'i Samaria sy nitondra ny Israely lavitra an'i Asyria ny mpanjakan'i Asyria. Nametraka azy ireo tany Hala izy, tao amin'ny Habora Onin'i Gozana, ary tany amin'ny tanànan'ny Mediana.
[7]Nitranga izany fahababoana izany satria nanota tamin'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo ny vahoak'Israely, izay nitondra azy ireo niakatra avy tany amin'ny tany Egypta, avy teo ambany fifehezan'i Farao mpanjakan'i Egypta. Efa nanompo andriamani-kafa ireo vahoaka [8]ka nandeha tamin'ny fanaon'ireo firenena izay efa naringan'i Yaveh teo anatrehan'ireo zanak'Israely, sy tamin'ny fanaon'ireo mpanjakan'Israely izay efa nataon'izy ireo.
[9]Ny zanak'Israely—dia nanao ireo zavatra izay tsy marina an-tsokosoko—hanohitra an'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo. Nanangana fitoerana avo ho azy manerana an'ireo tanànany izy ireo, hatrany amin'ny tilikambo fiambenana ka hatrany amin'ny manda fiarovana. [10]Nanangana tsangam-bato sy baon'Aseraha teny amin'ny havoana avo rehetra sy tany ambanin'ny hazo maitso rehetra ihany koa izy ireo.
[11]Teny izy ireo no nandoro ditin-kazo manitra tamin'ireo fitoerana avo rehetra, tahaka ny nataon'ireo firenena, ireo izay nentin'i Yaveh teo anatrehan'izy ireo. Nanatanteraka zava-dratsy ireo Israelita mba hahatonga an'i Yaveh ho tezitra; [12]izy ireo dia nanompo sampy, momba izay efa notenen'i Yaveh azy ireo hoe: "Tsy hanao izany zavatra izany ianareo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Nefa Yaveh efa nanambara tamin'Israely sy tamin'i Joda tamin'ny alalan'ny mpaminany tsirairay sy ny mpahita tsirairay, nanao hoe: "Mialà amin'ireo fomba ratsinareo ka tandrovy ireo didiko sy ireo lalàko, ary meteza hanaraka ny lalàna rehetra nandidiako ireo razanareo, ary izay nirahiko ho aminareo tamin'ny alalan'ireo mpaminany mpanompoko.
[14]Kanefa tsy nihaino izy ireo; fa kosa mafy loha tokoa tahaka ireo razany izay tsy nahatoky an'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo. [15]Nolavin'izy ireo ny lalàny sy ny fanekem-pihavanana izay nataony tamin'ireo razany, ary ireo didy fanekena izay nomeny azy ireo. Nanaraka fomba tsy nisy nilàna azy izy ireo ary ny tenan'izy ireo mihitsy no lasa tsy nisy nilàna azy. Nanaraka ireo firenena mpanompo sampy izay nanodidina azy izy ireo, dia ireo izay nandidian'i Yaveh azy ireo tsy hotahafina.
[16]Izy ireo dia nanao tsinontsinona ireo didy rehetran'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo. Nanamboatra sarin-janak'omby roa vita tamin'ny vy izy ireo mba ho tompoina. Nanamboatra baon'Aseraha izy ireo, ary nanompo an'i Bala sy ireo kintana rehetra teny an-danitra. [17]Nalefan'izy ireo tanaty afo ireo zanaka lahy sy zanaka vavin'izy ireo, nampiasa ireo sikidy sy famosaviana, nivarotra ny tenan'izy ireo mba hanao izay ratsy teo imason'i Yaveh, sy nahatonga Azy ho tezitra. [18]Noho izany dia tezitra mafy tamin'Israely i Yaveh ka nanaisotra azy ireo tsy ho eo imasony. Tsy nisy na iray aza tafajanona afa-tsy ny fokon'i Joda irery ihany.
[19]Na dia i Joda aza tsy nahatàna ny didin'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo, fa kosa nanaraka fanompoan-tsampy nitovy tamin'izay narahin'Israely. [20]Noho izany dia nolavin'i Yaveh avokoa ireo taranak'Israely rehetra; nampahoriany izy ireo ary natolony teny an-tanan'ireo izay mpambabo ny fananan'izy ireo, mandra-pitsonik'izy ireo tsy ho eo imasony.
[21]Nanaisotra ny Israely tamin'ny fitohizan-taranak'i Davida Izy, ary nametraka an'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata mpanjaka. Nitarika ny Israely hiala tamin'ny fanarahana an'i Yaveh i Jeroboama ary nampanao fahotana lehibe azy ireo.
[22]Nanaraka ny fahotan'i Jeroboama rehetra ny zanak'Israely ary tsy niala tamin'ireny izy ireo, [23]ka nesorin'i Yaveh teo imason'Israely, araka ny nolazainy tamin'ireo mpaminany mpanompony rehetra fa hataony. Dia nentina lavitra ivelan'ny tanin'izy ireo tany Asyria ny Israely, ary mbola any foana hatramin'izao andro izao.
[24]Nitondra vahoaka avy tany Babylona sy avy tany Kota, sy avy tany Ava, sy avy tany Hamata sy Sefarivaima ny mpanjakan'i Asyria, ka nametraka azy ireo tany amin'ny tanànan'i Samaria teo amin'ny toeran'ny Zanak'Israely. Dia nahazo an'i Samaria ireny ka nonina tao amin'ny tanànany. [25]Ary tamin'ny fiantombohan'ny fonenan'izy ireo tany dia tsy nanome voninahitra an'i Yaveh izy ireo. Koa nandefa liona tamin'izy ireo izay namono ny sasany tamin'izy ireo i Yaveh.
[26]Dia niteny tamin'ny mpanjakan'i Asyria izy ireo, nanao hoe: "Ireo firenena izay avy nentinao sy napetrakao tato amin'ny tanànan'i Samaria dia tsy mahafantatra ireo fomba takian'ny andriamanitry ny tany. Ka nandefa liona teo amin'izy ireo izy, ary, indro, mamono ny olona ireo liona satria tsy mahalala ireo fomba takian'ny andriamanitry ny tany izy ireo."
[27]Ary ny mpanjakan'i Asyria nibaiko, nanao hoe: "Alaivo ny iray amin'ireo mpisorona izay nentinareo avy tany, ka aoka izy handeha sy honina any, ary aoka izy hampianatra azy ireo ny fomba izay takian'ny andriamanitry ny tany." [28]Koa tonga nonina tany Betela ny iray tamin'ireo mpisorona izay avy nentin'izy ireo avy tany Samaria; nampianatra azy ireo ny fomba tokony hideran'izy ireo an'i Yaveh izy.
[29]Nanao andriamanitra ho azy avy ireo foko tsirairay, ka nametraka azy ireny teny amin'ny fitoerana avo izay nataon'ireo Samaritana—ny foko tsirairay tany amin'ny tanàna nonenany avy. [30]Ny vahoakan'i Babylona nanamboatra an'i Sokota-benota; ny vahoakan'i Kota nanamboatra an'i Nergala; ny vahoakan'i Hamata nanamboatra an'i Asima; [31]ireo Avita nanamboatra an'i Nibaza sy Tartaka. Ireo Sefarvita nandoro ireo zanany tao amin'ny afo ho an'i Adrameleka sy Anameleka, andriamanitry ny Sefarvaima.
[32]Nanome voninahitra an'i Yaveh ihany koa izy ireo, ka nanendry mpisoron'ireo fitoerana avo avy tamin'izy ireo, izay nanao sorona ho azy ireo tao amin'ny tempoly tao amin'ireo toerana avo. [33]Nanome voninahitra an'i Yaveh izy ireo sady nanompo ireo andriamanitr'izy ireo, tamin'ny fomba fanaon'ireo firenena tamin'izay efa nentin'izy ireo.
[34]Hatramin'izao andro izao dia mikiry amin'ireo fomba fanaon'izy ireo taloha izy ireo. Sady tsy manome voninahitra an'i Yaveh izy ireo, no tsy manaraka ireo didy aman-dalàna izay natolotr'i Yaveh tamin'ny vahoakan'i Jakoba—izay nantsoiny hoe: Israely—[35]ary tamin'izay nanaovan'i Yaveh fanekena sy nandidiany azy ireo hoe: "Tsy hatahotra andriamani-kafa ianareo, na hiankohoka amin'izy ireny, na hanompo azy ireny, na hanao fisoronana ho azy ireny.
[36]Nefa i Yaveh, izay nitondra anareo niakatra avy tany amin'ny tany Egypta tamin'ny hery lehibe sy tanana nisandratra, no ilay Iray izay tsy maintsy omenareo voninahitra; Izy no hiankohofanareo, ary ho Azy ny sorona ataonareo. [37]Ireo didy aman-dalàna izay nosoratany ho anareo, hotànanareo mandrakariva ireny. Noho izany aza matahotra andriamani-kafa ianareo, [38]ary ny fanekem-pihavanana izay efa nataoko taminareo, dia tsy ho adinoinareo; na ianareo hanome voninahitra andriamani-kafa.
[39]Fa Yaveh Andriamanitrareo no homenareo voninahitra. Izy no hamonjy anareo amin'ny herin'ireo fahavalonareo." [40]Tsy nihaino izy ireo, satria nanohy nanao izay nataon'izy ireo tany amin'ny lasa izy ireo. [41]Ka dia natahotra an'i Yaveh ireo firenena ary nanompo ireo sarin-javatra voasokitr'izy ireo ihany koa izy ireo, ary nanao toy izany ihany koa ireo zanak'izy ireo—tahaka izay nataon'ny taranaky ny zanak'izy ireo. Manohy manao izay nataon'ireo razany hatrany izy ireo, mandrak'ankehitriny.

18 [1]Ary tamin'ny taona fahatelo nanjakan'i Hosea zanak'i Elaha, mpanjakan'Israely, no nanomboka nanjaka i Hezekia zanak'i Ahaza, mpanjakan'i Joda. [2]Dimy amby roapolo taona izy no nanomboka nanjaka; nanjaka sivy amby roapolo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

taona tany Jerosalema izy. Ny anaran-dreniny dia i Aby; zanaka vavin'i Zakaria izy. [3]Ary nanao izay mahitsy teo imason'i Yaveh izy, nanaraka ny ohatra rehetra izay efa nataon'i Davida, razambeny.
[4]Nanaisotra ireo toerana avo izy, nandrava ireo andry vato, ary nanapaka ireo baon'Aseraha. Nanapatapaka ny menarana varahina izay nataon'i Mosesy izy, satria tamin'ireo andro ireo no nandoroan'ny vahoakn'Israely ny ditin-kazo manitra ho an'izany; izany dia nantsoina hoe: "Nehostana." [5]Nahatoky an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely i Hezekia, mba tsy hisy olona hitovy aminy ao aoriany eo amin'ireo mpanjakan'i Joda rehetra, na eo amin'ireo mpanjaka izay teo alohany.
[6]Fa nifikitra tamin'i Yaveh izy. Tsy nitsahatra nanaraka azy izy ary nitandrina ireo didiny, izay nandidian'i Yaveh an'i Mosesy. [7]Ka nomba an'i Hezekia i Yaveh, ary na aiza na aiza nalehany dia nambinina izy. Nikomy nanohitra ny mpanjakan'i Asyria izy ary tsy nanompo azy. [8]Nanafika ireo Filistina hatrany Gaza sy ny sisin-tany manodidina izy, hatrany amin'ny tilikambon'ireo mpiambina ka hatrany amin'ny tanàna voaaro mafy.
[9]Ary tamin'ny taona fahefatra nanjakan'i Hezekia Mpanjaka, izay taona fahafito nanjakan'i Hosea zanak'i Elaha mpanjakan'Israely, dia niakatra hanohitra an'i Samaria i Salmanesera mpanjakan'i Asyria ary nanao fahirano izany. [10]Ary tamin'ny fiafaran'ny taona fahatelo no nakan'izy ireo izany, dia tamin'ny taona fahenina nanjakan'i Hezekia, izay taona fahasivy nanjakan'i Hosea mpanjakan'Israely; izany no fomba nisamborana an'i Samaria.
[11]Koa nentin'ny mpanjakan'i Asyria tany Asyria ny Israely, ary nataony tao Hala, teo amin'ny Reniranon'i Habora tany Gozana, ary tao amin'ireo tanànan'i Mediana izy ireo. [12]Nanao izany izy satria tsy nankatò ny feon'i Yaveh Andriamaniny izy ireo, fa kosa nandika ny tenin'ny fanekeny, izay rehetra nandidian'i Mosesy mpanompon'i Yaveh azy ireo. Nandà hihaino na hanao izany izy ireo.
[13]Ary tamin'ny taona fahefatra ambin'ny folo nanjakan'i Hezekia Mpanjaka, Sankeriba mpanjakan'i Asyria dia nanafika ny tanàna voaaro mafy rehetran'i Joda ka naka ireo. [14]Ka nandefa hafatra tany amin'ny mpanjakan'i Asyria, izay tany Lakisy i Hezekia mpanjakan'i Joda nanao hoe: "Efa nanafintohina anao aho. Mialà amiko. Na inona na inona hampitondrainao ahy dia ho entiko." Dia nitaky tamin'i Hezekia mpanjakan'i Joda mba handoa ny talenta volafotsy telonjato sy talenta volamena telopolo ny mpanjakan'i Asyria. [15]Ka nomen'i Hezekia azy ny volafotsy rehetra izay hita tao amin'ireo tranon'i Yaveh sy tao amin'ireo fitoeran-java-tsarobidin'ny lapan'ny mpanjaka.
[16]Dia nesorin'i Hezekia ny volamena teo amin'ny tempolin'i Yaveh sy teo amin'ny andry izay nametahany takela-bolamena; ary nomeny ny mpanjakan'i Asyria ny volamena. [17]Nefa ny mpanjakan'i Asyria nanetsika ny tafiny lehibe, naniraka an'i Tartana sy Raba-sarisa ary ny lehiben'ny mpifehy avy any Lakisy ho any amin'i Hezekia mpanjaka ao Jerosalema. Nandeha niakatra tamin'ny lalana izy ireo ary tonga tao ivelan'i Jerosalema. Nanatona ny lakan-dranon'ny kamory ambony izy ireo, teo an-dalamben'ny sahan'ny mpamotsy lamba, ary nijanona teo amin'izany. [18]Rehefa niantso an'i Hezekia Mpanjaka izy ireo, dia nivoaka mba hijery azy ireo i Eliakima zanaka lahin'i Hilkia, izay nanapaka ny ankohonana, sy Sebna mpanora-dalàna, ary Joa zanaka lahin'i Asafa, mpitahiry tantara.
[19]Ary ny lehiben'ny mpifehy niteny azy ireo mba hilaza amin'i Hezekia izay nolazain'ny mpanjaka lehibe, mpanjakan'i Asyria, manao hoe: "Inona no loharanon'ny fahatokianao? [20]Teny tsy misy dikany no lazainao, milaza hoe misy namana sy hery ho amin'ny ady. Ary ankehitriny iza no itokianao? Iza no nanome herim-po anao hikomy hanohitra ahy? [21]Indro, matoky ny tehina volotara torotoron'ny Egypta ianao, kanefa raha mitehina amin'izany ny olona, dia hiraikitra eo amin'ny tanany izany ka handoaka izany. Tahaka izany i Farao mpanjakan'i Egypta amin'ireo rehetra matoky azy.
[22]Fa raha miteny amiko ianao hoe: 'Matoky an'i Yaveh Andriamanitray izahay,' moa ve tsy izy ilay iray izay naka ireo toerana avo sy ny alitara izay nalain'i Hezekia, ary nilaza tamin'i Joda sy Jerosalema hoe: 'Tsy maintsy manompo eo anoloan'ity alitaran'i Jerosalema ity ianao'? [23]Ankehitriny ary, te-hanolotra fanatitra tsara avy amin'ny tompoko mpanjakan'i Asyria aho. Homeko soavaly roa arivo ianao, raha mahita mpitaingina azy ireo.
[24]Hataonao ahoana ny manohitra na dia ny iray amin'ny kapiteny izay kely indrindra amin'ireo mpanompon'ny tompoko aza? Efa nametraka ny fahatokianao tany Egypta ho an'ireo kalesy sy ny mpitaingin-tsoavaly ianao! [25]Moa efa nandeha niakatra tsy nisy an'i Yaveh mba hiady hanohitra sy handrava ity toerana ity ve aho? Hoy i Yaveh tamiko: 'Tafio ary ravao ity tany ity.'"
[26]Avy eo i Eliakima zanaka lahin'i Hilkia, sy Sebna, ary Joa nilaza tamin'ny lehiben'ny mpifehy hoe: "Mba resaho amin'ny fiteny Syriana re ireo mpanomponao, fa azonay izany. Aza miresaka aminay amin'ny fitenin'ny Joda eo amin'ny sofin'ny olona izay eo amin'ny rindrina." [27]Nefa hoy ny lehiben'ny mpifehy tamin'izy ireo hoe: "Moa ve nandefa ahy ho any amin'ny tomponao sy ianao ny tompoko mba hilaza ireo teny ireo? Moa ve aho nalefany tany amin'ireo lehilahy mipetraka eo amin'ny rindrina, iza no tsy maintsy hihinana ny malotony sy hisotro ny amanin'izy ireo manokana miaraka aminao?"
[28]Ary ny lehiben'ny mpifehy nitsangana sy niantso tamin'ny feo mafy tamin'ny fiteny Jiosy hoe: "Henoy ny tenin'ny mpanjaka lehibe, dia ny mpanjakan'i Asyria. [29]Izao no lazain'ny mpanjaka, 'Aza manaiky hofitahin'i Hezekia hianareo, fa tsy afaka ny hamonjy anao amin'ny fahefako izy. [30]Aza mamela an'i Hezekia hampahatoky anao an'i Yaveh, manao hoe: "Hamonjy antsika tokoa i Yaveh, ary ity tanàna ity dia tsy hatolotra ho eo an-tanan'ny mpanjakan'i Asyria.'"
[31]Aza mihaino an'i Hezekia, fa izao no lazain'ny mpanjakan'i Asyria hoe: 'Mihavana amiko ary miaraha amiko. Ary ny tsirairay avy aminareo dia samy hihinana amin'ny voalobony sy ny hazon'aviaviny, ary hisotro ny rano ao amin'ny famorian-dranony. [32]Hanao izany mandra-pihaviko sy hitondrako anareo any amin'ny tany toy ny taninareo manokana, tany misy vary sy voaloboka vaovao, tany misy mofo sy tanim-boaloboka, tany misy hazo oliva sy tantely mba ho velona

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ianareo fa tsy ho faty.' Aza mihaino an'i Hezekia raha miezaka mandresy lahatra anareo izy, manao hoe: 'Hamonjy antsika i Yaveh.'
[33]Moa nisy nahavonjy azy ireo teo an-tanan'ny mpanjakan'i Asyria ve ireo andriamanitry ny olona? Aiza moa ireo andriamanitr'i Hamata sy Arpada? [34]Aiza moa ireo andriamanitr'i Sefarvaima, sy Hena, ary Iva? Nahavonjy an'i Samaria teto an-tanako ve izy ireo? [35]Eo amin'ny andriamanitry ny tany rehetra, moa ve efa nisy andriamanitra nahavonjy ny taniny tamin'ny fahefako? Ahoana no hahafahan'i Yaveh mamonjy an'i Jerosalema amin'ny heriko?"
[36]Kanefa nangina ny olona ary tsy namaly, satria efa nandidy ny mpanjaka hoe: "Aza mamaly azy." [37]Avy eo Eliakima, zanak'i Hilikia, izay ambony teo amin'ny ankohonana; sy Sebna ilay mpanora-dalàna; ary Joa zanak'i Asafa, ilay mpitan-tsoratra, niditra nankao amin'i Hezekia niaraka tamin'ireo fitafian'izy ireo voatritra, ary nitondra ny tenin'ny lehiben'ny mpifehy taminy.

19 [1]Ary rehefa ren'i Hezekia Mpanjaka ny tatitr'izy ireo, dia nandrovitra ny akanjony izy, nanao akanjo fisaonana, ary niditra tao an-tranon'i Yaveh. [2]Naniraka an'i Eliakima izay lehiben'ny tandapa izy, sy Sebna ilay mpanora-dalàna, ary ireo lohan'ny mpisorona, samy nitafy ny akanjo fisaonana avokoa, ho any amin'i Isaia zanaka lahin'i Amoza, ilay mpaminany.
[3]Dia hoy izy ireo taminy: "Izao no tenin'i Hezekia: 'ity andro ity no andron'ny fahoriana, famaizana, ary fahafaham-baraka, efa mby ho teraka ny zaza, nefa tsy misy hery mba hiterahana azy ireo. [4]Angamba mety ho ren'i Yaveh Andriamanitrao ny teny rehetra nataon'ilay lehiben'ny mpifehy, izay nirahin'ny mpanjakan'i Asyria tompony mba hihantsy an'Andriamanitra velona, ary hamaly ireo teny izay efa ren'i Yaveh Andriamanitrao. Koa asandrato ho an'izay sisa mbola eto ny vavakao ankehitriny.'"
[5]Ary tonga tany amin'i Isaia ny mpanompon'i Hezekia mpanjaka, [6]ary Isaia nanao tamin'izy ireo hoe: "Lazao amin'ny tomponareo fa: 'Izao no tenin'i Yaveh: "Aza matahotra ny amin'ny teny izay efa renao, izay efa naniratsiran'ny mpanompon'ny mpanjakan'i Asyria ahy. [7]Indro, hametraka fanahy ao aminy Aho, ary handre siosio izy ka hiverina any amin'ny taniny. Hataoko lavon'ny sabatra ao amin'ny taniny izy."'"
[8]Dia niverina ny lehiben'ny mpifehy ary nahita ny mpanjakan'i Asyria niady tamin'i Libna, fa izy efa nandre fa efa niala tao Lakisy ny mpanjaka. [9]Ary Sankeriba nandre fa i Tiraka mpanjakan'i Etiopia sy Egypta dia efa niomana ny hiady aminy, noho izany dia naniraka mpitondra hafatra ho any amin'i Hezekia indray izy hoe:
[10]"'Lazao amin'i Hezekia mpanjakan'i Joda hoe: 'Aza avela hamitaka anao ny Andriamanitra izay hitokianao ka hanao hoe: "Jerosalema dia tsy homena ho eo an-tanan'ny mpanjakan'i Asyria." [11]Indro, efa renao ny zavatra izay efa nataon'ny mpanjakan'i Asyria tamin'ny tany rehetra tamin'ny famotehana tanteraka ireo. Koa ho voavonjy ve ianao?
[12]Efa namonjy azy ireo ve ny andriamanitry ny firenena, ireo firenena izay nopotehin'ny razako: dia i Gozana, Harana, Razefa, ary ny vahoakan'i Edena tao Telasara? [13]Aiza ny mpanjakan'i Hamata, ny mpanjakan'i Arpada, ny mpanjakan'ny tanàna Sefarvaima, Hena, ary Iva?'"
[14]Voarain'i Hezekia ny taratasy tany amin'ireo mpitondra hafatra ary novakiany izany. Avy eo dia niakatra tany an-tranon'i Yaveh izy ka nanokatra izany teo anoloany. [15]Dia nivavaka teo anatrehan'i Yaveh i Hezekia, ary nanao hoe: "Ry Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, Ianao izay mipetraka eo ambonin'ny kerobima, Ianao no Andriamanitra tokana manerana ny fanjakana rehetra eto an-tany. Ianao no nanao ny lanitra sy ny tany.
[16]Atongilano ny sofinao, ry Yaveh, ary mihainoa. Ahirato ny masonao, ry Yaveh, ka mijere, ary henoy ny tenin'i Sankeriba, izay efa nirahiny mba haniratsira ny Andriamanitra velona. [17]Eny tokoa, ry Yaveh, efa nandrava ireo firenena sy ny taniny tokoa ny mpanjakan'i Asyria. [18]Efa nandoro ny andriamanitr'izy ireo tao anaty afo izy ireo, satria tsy andriamanitra ireo fa asa-tanan'olombelona, hazo sy vato foana ihany. Koa nopotehin'ny Asyriana izy ireo.
[19]Koa ankehitriny, ry Yaveh Andriamanitray, mitalaho Aminao aho, vonjeo amin'ny heriny izahay, mba hahafantaran'ny fanjakana rehetra eto an-tany fa Ianao, Yaveh, no Andriamanitra tokana."
[20]Ary Isaia zanaka lahin'i Amoza nandefa hafatra tany amin'i Hezekia, nanao hoe: "Yaveh, Andriamanitrin'Israely niteny hoe: 'Satria efa nivavaka tamiko ny amin'i Sankeriba mpanjakan'i Asyria ianao, dia nihaino anao aho. [21]Izao no teny lazain'i Yaveh mahakasika azy: "Ny zanaka vavy virijinin'i Ziona manao tsinontsinona anao sy mihomehy ho amin'ny fahafaham-baraka. Ny zanaka vavin'i Jerosalema manifikifi-doha aminao. [22]Iza no efa nihantsinao sy notsiratsirainao? Hanohitra an'iza no nanandratanao ny feonao sy nampiandrandranao ny masonao am-pireharehana? Hanohitra ilay Masin'Israely!
[23]Tamin'ny alalan'ireo irakao no nihantsianao ny Tompo, ary nanao hoe: 'Tamin'ny kalesiko maro no niakarako tany an-tampon'ny tendrombohitra, ny fiakarana avo indrindra tany Libanona. Hokapaiko ny sedera lava sy ny kypreso voafantina ao. Hiditra amin'ny faritra lavitra indrindra aho, ao amin'izay alany mamokatra indrindra. [24]Efa nihady lava-drano aho ary efa nisotro ny ranon'ny firenen-kafa. Efa nandritra ny reniranon'i Egypta rehetra ho eo am-paladiako aho.'
[25]Tsy renao ve ny fomba nanomanako izany hatramin'ny ela sy ny niasako izany tamin'ny andro taloha? Ankehitriny dia efa hanatanteraka izany aho. Eo ianao mba handrava ireo tanàna mimanda ho lasa korotam-bato. [26]Ireo mponina ao aminy, izay kely hery, dia torotoro sy menatra. Zava-maniry eny an-tsaha izy ireo, ahi-maitso, ahitra eny ambony tafo na eny an-tsaha, nodorana mialohan'ny nitsiriany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[27]Fa izaho mahalala ny fipetrahanao, ny fivoahanao, ny fidiranao, ary ny fahatezeranao amiko. [28]Nohon'ny fahatezeranao amiko, ary satria rèn'ny sofiko ny fiavonavonanao, dia hametraka ny farangoko amin'ny oronao Aho, ary ao amin'ny vavanao ny lamboridiko; hataoko miverina amin'ny lalana niavianao ianao."
[29]Izao no famantarana ho anao: Hihinana zavatra maniry tsinahy ianareo amin'ity taona ity, ary ny taona manaraka dia ny dimbin'izany. Fa amin'ny taona fahatelo kosa dia hamboly sy hioty ianareo, hamboly tanim-boaloboka ka hihinana ny voany. [30]Ny sisa amin'ny taranak'i Joda izay mbola velona dia hamàka indray ka hisondrotra ary hamoa. [31]Fa hisy sisa hivoaka avy any Jerosalema, avy any an-tendrombohitr'i Ziona no hiavian'ireo sisa tsy maty. Ny zotom-pon'i Yaveh tompon'ny maro no hanao izany.
[32]Koa izao no lazain'i Yaveh momba ny mpanjakan'i Asyria: "Tsy hiditra amin'ity tanàna ity izy na handefa zana-tsipìka ao. Na ho avy eo anoloany miaraka amin'ny ampinga na hanao fahirano azy. [33]Ny lalana izay niaviany ihany no lalana hivoahany; tsy ho tafiditra amin'ity tanàna ity izy— izany no fanambaran'i Yaveh." [34]Fa izaho hiaro sy hanavotra ity tanàna ity, noho ny amiko sy ny amin'i Davida mpanompoko.'"
[35]Ary tamin'io alina io dia avy ilay anjelin'i Yaveh ary nanafika ny tobin'ireo Asyriana, ka nahafaty miaramila 185. 000. Rehefa nifoha aloha ny olona nony maraina, dia niampatra teny rehetra teny ny fatin'olona. [36]Ka nandao an'Israely i Sankeriba mpanjakan'i Asyria ary lasa nody sy nipetraka tany Ninive. [37]Taty aoriana, raha nanao fanompoam-pivavahana tao an-tranon'i Nisroka andriamaniny izy, dia novonoin'i Andrameleka sy Sarezera zanany lahy tamin'ny sabatra. Avy eo dia nitsoaka tany amin'ny tanin'i Ararata izy ireo. Ary Esara-hadona zanany lahy no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.

20 [1]Ary tamin'izany andro izany dia narary efa ho faty i Hezekia. Ka nanatona azy i Isaia zanak'i Amosa, ilay mpaninany, ary niteny taminy hoe: "Hoy i Yaveh: '"Arindrao ny tranonao; fa ho faty ianao, ary tsy ho velona.'" [2]Dia nitodika nanatrika ny rindrina i Hezekia ary nivavaka tamin'i Yaveh izy nanao hoe: [3]"Mba miangavy re, ry Yaveh oh, mba tsarovy ny nandehanako am-pahatokiana teo amin'ny anatrehanao tamin'ny foko manontolo, sy ny nanaovako ny tsara teo imasonao." Ary nitomany mafy i Hezekia avy eo.
[4]Mialohan'ny nivoahan'i Isaia teo afovoan'ny tokotany, dia tonga taminy ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [5]"'Miverena, ary ilazao i Hezekia, ilay mpitarika ny oloko hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh, Andriamanitr'i Davida razambenao: "Efa reko ny vavakao, ary hitako ny ranomasonao. Hanasitrana anao Aho amin'ny andro fahatelo, ary hiakatra any an-tranon'i Yaveh ianao.
[6]Ho ampiako dimy ambin'ny folo taona ny andro hiainanao, ary ho vonjeko amin'ny tanan'ny mpanjakan'i Asyria ianao sy ity tanàna ity, ary ho arovako ity tanàna ity nohon'ny amiko sy nohon'ny amin'i Davida mpanompoko."'" [7]Koa hoy Isaia hoe: "Makà fehezan'aviavy." Dia nanao izany izy ireo ary napetrany tamin'ny vai-ny izany, dia sitrana izy.
[8]Hoy i Hezekia tamin'i Isaia: "Inona no famantarana fa hositranin'i Yaveh aho, sy ny tokony hiakarako any amin'ny tempoliny amin'ny andro fahatelo?" [9]Namaly Isaia hoe: "Izao no famantarana ho anao avy amin'i Yaveh, fa i Yaveh dia hanao izay zavatra nolazainy. Tokony handroso dingana folo ve ny aloka, sa hihemotra dingana folo?"
[10]Namaly i Hezekia: "Mora ho an'ny aloka ny handroso dingana folo. Tsia! avelao hihemotra dingana folo ny aloka." [11]Ka niantsoantso an'i Yaveh i Isaia mpaminany, ary nentiny nihemotra dingana folo ny aloka, avy tany amin'ny nihetsehany teo amin'ny tohotr'i Ahaza.
[12]Tamin'izany fotoana izany i Merodaka Baladana zanak'i Baladana mpanjakan'i Babylona dia nandefa taratasy sy fanomezana tany amin'i Hezekia, satria reny fa narary i Hezekia. [13]Nihaino izany taratasy izany i Hezekia, ary nasehony ireo mpitondra hafatra ny lapa rehetra sy ny zava-tsarobidiny, ny volafotsy, ny volamena, ny zava-manitra sy ny menaka sarobidy, ary koa ny trano fitehirizany ny fitaovam-piadiany, izany rehetra izany dia hita tao amin'ny trano fitehirizany. Tsy nisy zavatra izay tsy nasehon'i Hezekia azy ireo tao an-tranony, na tao amin'ny fanjakany.
[14]Ary Isaia mpaminany nankany amin'i Hezekia Mpanjaka ary nanontany azy hoe: "Inona no nolazain'ireny lehilahy ireny taminao? Avy aiza izy ireny?" Hoy i Hezekia: "Avy any an-tany lavitra any Babylona izy ireo." [15]Nanontany i Isaia hoe: "Inona no hitan'izy ireo tao an-tranonao?" Namaly i Hezekia hoe: "Hitan'izy ireo avokoa ny zavatra rehetra tato an-tranoko. Tsy nisy tamin'ireo zava-tsarobidiko tsy nasehoko azy ireo."
[16]Ka hoy Isaia tamin'i Hezekia: "Henoy ny tenin'i Yaveh: [17]'Indro, efa ho avy ny andro hitaomana ny zavatra rehetra eo amin'ny lapanao mankany Babylona, dia ireo zavatra notehirizin'ny razambenao hatramin'izao andro izao. Tsy misy na inona na inona ho tavela, hoy i Yaveh. [18]Ny zanaka lahy teraka avy aminao, izay notaizainao manokana_ho alain'izy ireo izany, ary ho lasa tandapa ao amin'ny lapan'ny mpanjakan'i Babylona izy ireo.'"
[19]Ary hoy i Hezekia tamin'i Isaia: "Tsara ny tenin'i Yaveh izay nolazainao." Satria nihevitra izy hoe: "Tsy hisy fiadanana sy filaminana ve izany amin'ny androko?" [20]Raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Hezekia, sy ny heriny rehetra, ary ny nanaovany ny farihy sy ny lakan-drano, ary koa ny nitondrany rano tao amin'ny tanàna—moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Joda ve izany? [21]Nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Hezekia, ary i Manase zanany lahy no nandimby azy teo amin'ny toerany.

21 [1]Roa ambinifolo taona i Manase no nanomboka nanjaka; nanjaka nandritra ny dimy amby dimam-polo taona tao Jerosalema izy. Ny anaran'ny reniny dia i Hefziba. [2]Efa nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy, tahaka ireo zavatra maharikorikon'ny firenena izay noroahin'i Yaveh teo anatrehan'ireo Israely. [3]Fa namerina nanorina ireo toerana avo izay

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

nosimbain'i Hezekia rainy izy, ary nanorina ireo alitara ho an'i Bala, nanao baon'Aseraha iray, tahaka nataon'i Ahaba mpanjakan'Israely, ary niankohoka tamin'ireo kintan'ny lanitra rehetra ka nanompo ireo.
[4]Manase dia nanorina alitara fanompoan-tsampy tao an-tranon'i Yaveh, na dia nandidy aza i Yaveh hoe: "Ho mandrakizay ao Jerosalema ny anarako." [5]Nanorina ireo alitara ho an'ny kintan'ny lanitra rehetra izy tao amin'ireo kianja roan'ny tranon'i Yaveh. [6]Nataony tao anaty afo ny zanany; sady nanandro sy nanao sikidy ary naka hevitra tamin'ireo izay miresaka amin'ny maty sy ireo izay miresaka amin'ny fanahy izy. Nanao ratsy maro teo imason'i Yaveh izy ary nihantsy an'Andriamanitra tamin'ny fahatezerany.
[7]Ny sary sokitr'i Astarta izay nataony, dia napetrany tao an-tranon'i Yaveh izany. Ka momba izany trano izany no niresahan'i Yaveh tamin'i Davida sy Solomona zanany; hoy izy hoe: "Tato amin'ity trano ity ary tao Jerosalema, izay nosafidiako tamin'ireo fokon'Israely rehetra, no hametrahako ny anarako mandrakizay. [8]Ary tsy hampirenireny ny tongotr'Israely hivoaka amin'ny tany izay nomeko ny razan'ireo intsony Aho, raha manakatò tsara ireo rehetra izay nandidiako izy ireo, ary hanaraka ny lalàna rehetra izay nandidian'i Mosesy mpanompoko azy ireo." [9]Fa tsy nihaino ireo vahoaka, ary i Manase no nitarika azy ireo hanao ratsy mihoatra noho ireo firenena izay noravan'i Yaveh teo anatrehan'ny vahoakan'Israely.
[10]Dia niresaka tamin'ny alalan'ireo mpaminany mpanompony i Yaveh, nanao hoe:[11]"Satria i Manase mpanjakan'i Joda dia nanao ireo zavatra maharikoriko ireo, ary nanao ratsy mihoatra noho izay rehetra nataon'ireo Amorita izay nanao izany talohany, ary nampanota an'i Joda ihany koa tamin'ireo sampiny, [12]noho izany i Yaveh, ilay Andriamanitr'i Israely, niteny izao: Indro, hahatonga loza toy izany eo amin'i Jerosalema sy Joda Aho ka izay rehetra mandre izany, dia hangorintsina ny sofiny roa.
[13]Haninjitra ny tady fandrefesana ampiasaina hanoherana an'i Samaria amin'i Jerosalema aho, ary ny pilao fandrefesana ampiasaina hanoherana ny fianakavian'i Ahaba; hanadio an'i Jerosalema, tahaka ny olona manadio sakafo, mikosoka izany ary manodikodina izany ambony ambany aho. [14]Hanipy ireo lovako sisa tavela aho ary hanome izany ho eo am-pelatanan'ny fahavalon'izy ireo. Ho tonga niharam-boina sy babon'ireo fahavalony rehetra izy ireo, [15]satria efa nanao izay ratsy teo imasoko izy ireo, ary nihantsy ahy tamin'ny fahatezerana, hatramin'ny andro nivoahan'ny razam-ben'izy ireo avy tao Egypta, mandraka androany."
[16]Fanampin'izany, i Manase dia nandatsa-drà tsy manan-tsiny maro be, mandra-pahafenoiny fahafatesana tamin'ny iray hatramin'iray hafa an'i Jerosalema. Izany dia fanampin'ny fahotana izay nampanotany an'i Joda, rehefa nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy ireo. [17]Ary raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Manase, izay rehetra nataony, ary ny fahotana izay nataony, moa ve tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ny mpanjakan'i Joda izany? [18]Dia nodimandry tany amin'ireo razany ary nalevina tao amin'ny zaridainan'ny tranony ihany i Manase, tao an-jaridainan'i Oza. Ary i Amona zanany no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.
[19]Teo amin'ny faharoa amby roapolo taonany i Amona no nanomboka nanjaka; nanjaka nandritra ny roa taona tao Jerosalema izy. Ny anaran-dreniny dia i Mesolemeta; zanaka vavin'i Haroza avy any Jotba. [20]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy, tahaka ny nataon'i Manase rainy.
[21]Nanaraka ireo lalana rehetra izay nandehanan'ny rainy ary nanompo ireo sampy izay notompoin'ny rainy, ary niankohoka amin'izy ireo i Amona. [22]Nandao an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'ireo razany izy, ary tsy nandeha tamin'ny lalan'i Yaveh. [23]Ireo mpanompon'i Amona dia nitetika hanohitra azy ary namono ny mpanjaka tao an-tranony ihany.
[24]Fa ireo vahoakan'ny tany dia namono izay rehetra nitetika hanohitra an'i Amona mpanjaka, ary izy ireo no nanao an'i Josia zanany lahy ho mpanjaka teo amin'ny toerany. [25]Raha ny amin'ny raharaha hafa mahakasika izay nataon'i Amona, moa ve tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Joda izany? [26]Ireo vahoaka dia nandevina azy tao amin'ny fasany tao an-jaridainan'i Oza, ary i Josia zanany no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.

22 [1]Valo taona i Josia no nanomboka nanjaka; iraika amby telopolo taona no nanjakany tao Jerosalema. Jedida no anaran'ny reniny (zanaka vavin'i Adaia avy any Bozkata). [2]Nanao izay marina teo imason'i Yaveh izy. Nandeha tamin'ireo lalana rehetran'i Davida razambeny izy, ary tsy nivily lalana niankavia na niankavanana.
[3]Ary teo amin'ny fahavalo ambin'ny folo taonan'i Josia Mpanjaka, dia nandefa an'i Safana zanak'i Azalia zanak'i Mesolama, ilay mpanora-dalàna, tany an-tranon'i Yaveh izy, nanao hoe: [4]"Miakara any amin'i Hilkia ilay mpisorona be ary lazao izy mba hanisa ny vola izay nentina tany an-tranon'i Yaveh, izay nangonin'ny mpiandry ny tempoly tamin'ny vahoaka. [5]Aoka izany homena eo an-tanan'ny mpiasa izay miandraikitra ny tranon'i Yaveh, ary aoka izy ireo hanome izany an'ilay mpiasa izay ao an-tranon'i Yaveh, mba hanamboarana izay simba ao amin'ny tempoly.
[6]Aoka izy ireo hanome vola ho an'ireo mpandrafitra, ireo mpanori-trano, ary mba hividy hazo sy vato voapaika ihany koa mba hanamboarana ny tempoly." [7]Fa tsy ho takiana amin'izy ireo ny antontan'ny vola, satria mampiasa izany am-patokiana izy ireo.
[8]Hoy i Hilkia mpisorona be tamin'i Safana mpanora-dalàna hoe: "Hitako tao amin'ny tranon'i Yaveh ny bokin'ny lalàna."
[9]Ka nomen'i Hilkia an'i Safana ny boky, ary namaky izany izy. Lasa i Safana ary naka ny boky teny amin'ny mpanjaka, ary hitatitra aminy ihany koa, manao hoe: "Ireo mpanomponao dia nandany ny vola izay hita tao an-tempoly ary natolotr'izy ireo teo an-tanan'ireo mpiasa izay manara-maso ny fikarakarana ny tranon'i Yaveh izany." [10]Dia hoy i Safana mpanora-dalàna tamin'ny mpanjaka: "Hilkia mpisorona no nanome ahy ny boky." Ary novakian'i Safana tamin'ny mpanjaka izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Ary rehefa nandre ireo tenin'ny lalàna ny mpanjaka, dia nandriatra ny akanjony izy. [12]Nandidy an'i Hilkia mpisorona, sy Ahikama zanak'i Safana, i Akbora zanak'i Mikaia, Safana ilay mpanora-dalàna, ary i Asaia, ilay mpanompony, ny mpanjaka, ka nanao hoe: [13]"Mandehana ary miresaha amin'i Yaveh ho ahy, ary ho an'ireo vahoaka sy ireo Joda rehetra, noho ireo tenin'ity boky izay hita ity. Fa mafonja ny hatezeran'i Yaveh izay mirehitra amintsika nohon'ny tsy fihainoan'ireo razambentsika ireo tenin'ity boky ity dia ny hoe hankatò izay rehetra voasoratra momba antsika."
[14]Noho izany i Hilkia mpisorona, Ahikama, Akbora, Safana, ary i Asaia no nandeha nankany amin'i Holda ilay mpaminany vavy, vadin'i Saloma zanak'i Tikva zanak'i Harasa, ilay mpikarakara ny fitafiana (nipetraka tao Jerosalema tao amin'ny faritra faharoa izy), ary niresaka taminy izy ireo. [15]Hoy ravehivavy tamin'izy ireo: "Izao no nolazain'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely: 'Lazao ny olona izay nandefa anareo aty amiko hoe: [16]"Izao no lazain'i Yaveh: 'Indro, hitondra loza amin'ity toerana ity sy ireo mponiny Aho, araka ny zavatra rehetra voasoratra ao amin'ny boky izay novakian'ny mpanjakan'i Joda.
[17]Satria nahafoy Ahy ary nandoro ditin-kazo manitra ho an'ireo andriamanitra hafa izy reo, mba hiantsy Ahy ho tezitra amin'ireo asa rehetra izay nataon'izy ireo-- noho izany ny hatezerako dia nirehitra tamin'ity toerana ity, ary tsy ho faty izany.'" [18]Fa ho an'ny mpanjakan'i Joda, izay nandefa anao mba hanontany ny sitrapon'i Yaveh, dia izao no ho lazainao aminy: "Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely nilaza izao: "Momba ireo teny izay renao, [19]satria tso-po ianao, ary satria nanetry tena teo anatrehan'i Yaveh ianao, rehefa renao izay nolazaiko tamin'ity toerana ity sy ireo olony, fa ho tonga faharavana sy ozona izy ireo, ary satria ianao dia nandriatra ny akanjonao ary nitomany teto anatrehako, dia nihaino anao ihany koa Aho—izany no fanambaran'i Yaveh.
[20]Indro, hanambatra anao amin'ireo razanao Aho, ary handry am-piadanana ao am-pasanao ianao. Tsy hahita ireo loza rehetra izay ho entiko amin'ity toerana ity ny masonao."""" Koa dia nentin'ilay lehilahy tany amin'ny mpanjaka izany hafatra izany.

23 [1]Dia naniraka mpitondra hafatra izay nampivory teo aminy ireo loholon'i Joda sy Jerosalema rehetra ny mpanjaka.
[2]Dia niakatra tao an-tranon'i Yaveh ny mpanjaka, sy ireo olon'i Joda rehetra ary ireo mponin'i Jerosalema rehetra niaraka taminy, sy ireo mpisorona, ireo mpaminany, ary ireo vahoaka rehetra, hatramin'ny kely ka hatramin'ny lehibe. Novakiany teo an-tsofin'izy ireo ny tenin'ny bokin'ny Fanekena rehetra izay hita tao an-tranon'i Yaveh.
[3]Nijoro teo akaikin'ny andry ny mpanjaka ary nanao fanekena teo anatrehan'i Yaveh, mba hanaraka an'i Yaveh sy hitandrina ireo didiny, ireo fitsipiny, ary ireo lalàny, amin'ny fony rehetra sy ny fanahiny rehetra, mba hanamafy ireo tenin'izany fanekena izany izay voasoratra ao amin'ity boky ity. Ka dia nanaiky hankatò ny fanekena ny vahoaka rehetra.
[4]Ary ny mpanjaka nandidy an'i Hilkia mpisoronabe, ireo mpisorona ambany fahefany, ary ireo mpiandry vavahady mba hamoaka avy ao amin'ny tempolin'i Yaveh ireo fanaka rehetra izay natao ho an'i Bala sy Astarta, sy ho an'ireo kintan'ny lanitra rehetra. Nandoro izany tany ivelan'i Jerosalema tany an-tsaha tao amin'ny lohasahan'i Kidrona izy ary nitondra ny lavenon'ireo tany Betela. [5]Nanafoana ireo mpisorona mpanompo sampy izay nofidian'ireo mpanjakan'i Joda handoro ditin-kazo manitra tao amin'ireo toerana avo tao amin'ireo tanànan'i Joda sy tao amin'ireo toerana nanodidina an'i Jerosalema izy— dia ireo izay nandoro ditin-kazo manitra ho an'i Bala, ho an'ny masoandro sy ny volana, ho an'ireo planeta, ary ho an'ireo kintan'ny lanitra rehetra.
[6]Namoaka ny baon'Aseraha avy tao amin'ny tempolin'i Yaveh izy, tany ivelan'i Jerosalema tany an-dohasahan'i Kidrona ary nandoro izany teo. Notorotoroiny ho vovoka izany ka nariany teo amin'ireo fasam-bahoaka izany vovoka izany.
[7]Nodioviny ireo efitranon'ireo lehilahy mpivavaka mivaro-tena izay tao an-tempolin'i Yaveh, izay nanenonan'ireo vehivavy fitafiana ho an'i Aseraha.
[8]Nitondra ireo mpisorona rehetra tany ivelan'ny tanànan'i Joda i Josia ary nandoto ireo toerana avo izay nandoran'ireo mpisorona ditin-kazo manitra, nanomboka tao Geba hatrany Beri-sheba. Noravàny ireo toerana avo teo amin'ireo vavahady izay teo amin'ny fidirana mankany amin'ny vavahadin'i Josoa (tanànan'ny governora), teo amin'ny ilany ankavian'ny vavahadin'ny tanàna. [9]Na dia tsy navela nisorona teo amin'ny alitaran'i Yaveh tao Jerosalema aza ireo mpisoron'ireo toerana avo ireo, dia nihinana mofo tsy misy masirasira teo amin'ireo rahalahiny izy ireo.
[10]Nolotoin'i Josia i Tofeta, izay tao amin'ny lohasahan'i Beni-hinoma, mba tsy hisy olona handoro ao anaty afo ny zanany lahy na ny zanany vavy ho sorona ho an'i Moloka. [11]Nalany ireo soavaly izay nomen'ireo mpanjakan'i Joda ny masoandro. Teo amin'ny faritra teo amin'ny fidirana ho ao an-tempolin'i Yaveh, akaikin'ny efitranon'i Natana-meleka, tandapa ireo. Nodoran'i Josia ireo kalesin'ny masoandro.
[12]Noravan'i Josia mpanjaka ireo alitara izay teo amin'ny tafon'ny efitranon'i Ahaza farany ambony, izay namboarin'ny mpanjakan'i Joda, sy ireo alitara izay nataon'i Manase tao amin'ireo kianjan'ny tempolin'i Yaveh anankiroa. Notorotoroin'i Josia ireo ary nariany tao amin'ny Lohasahan-driak'i Kidrona. [13]Noravan'ny mpanjaka ireo toerana avo atsinanan'i Jerosalema, atsimon'ny tendrombohitry ny faharatsiana izay namboarin'i Solomona mpanjakan'Israely ho an'i Astarta, ilay sampy maharikorikon'ireo Sidoniana; ho an'i Kemosy, ilay sampy maharikorikon'i Moaba; ary ho an'i Moloka, ilay sampy maharikorikon'ireo vahoakan'i Amona. [14]Notorotoroiny ireo tsangam-bato ary nokapainy ireo baon'Aseraha ary nofenoiny taolan'olombelona ireo toerana ireo.
[15]Noravan'i Josia tanteraka ihany koa ny alitara izay tao Betela sy ny toerana avo izay namboarin'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata (ilay iray izay nampanota ny Israely). Nodorany ihany koa izany alitara izany sy ny toerana avo ka

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

notorotoroiny ho vovoka. Nodorany ihany koa ny baon'Aseraha. [16]Raha nijery ny faritra Josia, dia tsikariny ireo fasana izay teo amin'ny havoana. Naniraka lehilahy mba haka ny taolana avy tao amin'ireo fasana izy; ka dia nodorany teo amin'ny alitara ireo, izay nandoto izany. Izany dia araka ny tenin'i Yaveh izay nolazain'ny lehilahin'Andriamanitra, dia ilay lehilahy izay niteny ireo zavatra ireo mialoha.
[17]Dia hoy izy: "Tsangambato inona ity hitako?" Ireo lehilahin'ny tanàna niteny taminy hoe: "Io dia fasan'ny lehilahin'Andriamanitra izay avy any Joda ary niresaka momba ireo zavatra izay vao nataonao tamin'ny alitaran'i Betela."
[18]Dia hoy i Josia: "Avelao izany. Tsy misy olona tokony hamindra ireo taolany." Ka navelan'izy ireo, niaraka tamin'ireo taolan'ny mpaminany izay avy any Samaria ny taolany.
[19]Dia nesorin'i Josia ireo trano rehetra tany amin'ireo toerana avo izay tany amin'ireo tanànan'ny Samaria, izay nataon'ireo mpanjakan'Israely, ary izay nahatonga an'i Yaveh ho tezitra. Nataony mitovy tsy misy valaka tamin'izay natao tany Betela ireo. [20]Novonoiny teo amin'ireo alitara ireo mpisoron'ny toerana avo rehetra ary nandoro taolan'olombelona teo amin'ireo izy. Avy eo dia niverina tany Jerosalema.
[21]Dia nandidy ny vahoaka rehetra ny mpanjaka, nanao hoe: "Tandremo ny Paskan'i Yaveh Andriamanitrareo, araka izay voasoratra ao amin'ity Bokin'ny Fanekena ity." [22]Tsy nisy fankalazana ny Paska notandremana toy izany hatramin'ny andron'ireo mpitsara izay nanapaka teo amin'Israely, na tamin'ny andron'ireo mpanjaka izay nanapaka ny Israely, na tamin'ireo andron'ireo mpanjakan'Israely na Joda rehetra. [23]Fa tamin'ny taona fahavalo ambin'ny folo nanjakan'i Josia mpanjaka no nankalazaina tany Jerosalema izany Paskan'i Yaveh izany.
[24]Noroahin'i Josia ihany koa ireo izay niresaka tamin'ny maty na tamin'ny fanahy. Noroahiny ihany koa ireo terafima, ireo sampy, ary ireo zavatra maharikoriko rehetra izay hita tao amin'ny tanin'ny Joda sy tany Jerosalema, mba hanamafisana ireo tenin'ny lalàna izay voasoratra tao amin'ny boky izay hitan'i Hilkia mpisorona tao an-tranon'i Yaveh. [25]Talohan'i Josia, dia tsy mbola nisy mpanjaka tahaka azy, izay niverina tamin'i Yaveh tamin'ny fony rehetra, ny fanahiny rehetra, ary ny heriny rehetra, izay nanaraka ny lalàn'i Mosesy rehetra. Sady tsy nisy mpanjaka tahaka an'i Josia nitsangana tao aoriany.
[26]Na izany aza, dia tsy nitsahatra ny firehetan'ny fahatezerana lehiben'i Yaveh, izay nirehitra tamin'i Joda noho ireo fanompoan-tsampy rehetra izay nihantsian'i Manase Azy. [27]Koa hoy i Yaveh: "Esoriko tsy ho eo imasoko ihany koa i Joda, tahaka ny nanesorako an'Israely, ary hariako ity tanàna izay nofidiako ity, dia i Jerosalema, sy ny trano izay nolazaiko hoe: 'Ho ao ny anarako.'"
[28]Raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Josia, ny zavatra rehetra izay nataony, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Joda ve izany?" [29]Tamin'ny androny, i Farao-neko, mpanjakan'i Egypta, dia nandeha mba hiady tamin'ny mpanjakan'i Asyria tao amin'ny Ony Eofrata. Nandeha nitsena an'i Neko tao an'ady i Josia mpanjaka, ka novonoin'i Neko tao Megido izy. [30]Ireo mpanompon'i Josia nitondra azy efa maty tao anaty kalesy avy any Megido, nitondra azy tany Jerosalema, ary nandevina azy tao amin'ny fasany manokana. Dia nalain'ny vahoakan'ny tany i Joahaza zanaka lahin'i Josia, nosorany, ary nataony ho mpanjaka nandimby ny toeran'ny rainy.
[31]Telo amby roapolo taona i Joahaza no nanomboka nanjaka, ary nanjaka nandritra ny telo volana tao Jerosalema izy. Ny anaran-dreniny dia i Hamotala; izy dia zanaka vavin'i Jeremia avy any Libna. [32]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh i Joahaza, toy ny zavatra rehetra izay nataon'ireo razambeny. [33]Nofatoran'i Farao-neko rojo tao Ribla tao amin'ny tanin'i Hamata izy, mba tsy hanjakany ao Jerosalema. Dia nampanefain'i Neko talenta volafotsy zato sy talenta volamena iray i Joda.
[34]Nataon'i Farao-neko ho mpanjaka teo amin'ny toeran'i Josia rainy i Eliakima zanak'i Josia, ary novainy hoe Joiakima ny anarany. Nefa nitondra an'i Joahaza nankany Egypta izy, ka maty tany i Joahaza. [35]Nandoa ny volafotsy sy volamena tamin'i Farao i Joiakima. Mba hamaliana ny fangatahan'i Farao mpanjaka, dia nampandoa hetra ny tany i Joiakima ary notereny mba handoa volafotsy sy volamena aminy araka ny tomban'izy ireo ny olona tsirairay tamin'ireo vahoakan'ny tany.
[36]Dimy amby roapolo taona i Joiakima no nanomboka nanjaka, ary nanjaka iraika ambin'ny folo taona tao Jerosalema izy. Ny anaran-dreniny dia i Zebida; izy dia zanaka vavin'i Pedaia avy any Romaha. [37]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh i Joiakima, tahaka izay nataon'ireo razambeny.

24 [1]Tamin'ny andron'i Joiakima, dia nanafika an'i Joda i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona; lasa mpanompony nandritra ny telo taona i Joiakima. Ary niodina ka nikomy nanohitra an'i Nebokadnezara i Joiakima. [2]Nandefa ireo tarika Kaldeana, Syriana, Moabita ary Amonita hanohitra an'i Joiakima i Yaveh; nalefany hanohitra an'i Joda mba handrava izany izy ireo. Mifanaraka amin'ny tenin'i Yaveh, izay nolazainy tamin'ny alalan'ireo mpaminany mpanompony izany.
[3]Azo antoka fa tamin'ny vavan'i Yaveh no nahatonga izany tamin'i Joda, mba hanala azy ireo tsy ho eo imasony, nohon'ny fahotan'i Manase, dia izay rehetra nataony, [4]ary nohon'ny rà tsy manan-tsiny izay nalatsany ihany koa, satria nofenoiny tamin'ny rà tsy manan-tsiny i Jerosalema. Tsy nivonona ny hamela izany i Yaveh.
[5]Raha ny amin'ireo raharaha hafa rehetra mahakasika an'i Joiakima, sy izay nataony rehetra, moa tsy efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Joda ve izany? [6]Nodimandry niaraka tamin'ireo razambeny i Joiakima, ary Joiakina zanany lahy no lasa mpanjaka nandimby azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Tsy nanafika tany ivelan'ny taniny intsony ny mpanjakan'i Egypta, satria ny mpanjakan'i Babylona dia efa nandresy ny tany rehetra izay teo ambany fifehezan'ny mpanjakan'i Egypta, hatramin'ny lohasahan-driakan'i Egypta ka hatramin'ny Renirano Eofrata.
[8]Valo ambin'ny folo taona i Joiakina no nanomboka nanjaka; nanjaka telo volana tany Jerosalema izy. Ny anaran'ny reniny dia i Nehosta; zanaka vavin'i Elnatana avy any Jerosalema. [9]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy; nanao izay rehetra nataon'ny rainy izy.
[10]Tamin'izany fotoana izany ny tafik'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona dia nanafika an'i Jerosalema ka nanao fahirano ny tanàna. [11]Tonga teo an-tanàna i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona raha mbola nanao fahirano izany ny miaramilany, [12]ary i Joiakina mpanjakan'i Joda nankany amin'ny mpanjakan'i Babylona, izy, ny reniny, ireo mpanompony, ireo andriany, ary ireo manampahefany. Nisambotra azy ny mpanjakan'i Babylona tamin'ny taona fahavalo nanjakany.
[13]Nalain'i Nebokadnezara avy tao avokoa ireo zavatra sarobidy rehetra tao an-tranon'i Yaveh, sy ireo tao an-dapan'ny mpanjaka. Notapatapahany ny zavatra volamena rehetra izay nataon'i Solomona mpanjakan'Israely tao amin'ny tempolin'i Yaveh, araka izay nolazain'i Yaveh fa hitranga. [14]Nataony sesitany i Jerosalema manontolo, ny mpitarika rehetra, sy ireo lehilahy mpiady rehetra, babo iray alina, sy ireo mpanao tao-zavatra, ary ireo mpanefy rehetra. Tsy nisy navelany hijanona afa-tsy ireo olona mahantra indrindra teo amin'ny tany.
[15]Nalain'i Nebokadnezara ho sesitany tao Babylona i Joiakina, mbamin'ny renin'ny mpanjaka, ireo vadiny, ireo manampahefany, ary ireo lehiben'ireo lehilahy teo amin'ny tany. Nalainy ho sesitany avy any Jerosalema nankany Babylona izy ireo. [16]Ireo lehilahy mpiady rehetra, miisa fito arivo, mpanao asa tanana sy mpanefy vy iray alina, izy rehetra ireo dia natao ho amin'ny ady avokoa—ny mpanjakan'i Babylona nitondra ireo lehilahy rehetra ireo ho sesitany ho any Babylona.
[17]Nataon'ny mpanjakan'i Babylona ho mpanjaka handimby azy i Matania, ralahan-drain'i Joiakina, ary novainy ho Zedekia ny anarany.
[18]Iraika amby roapolo taona i Zedekia no nanomboka nanjaka; nanjaka nandritra ny iraika ambin'ny folo taona tany Jerosalema izy. Hamotala no anaran'ny reniny; zanaka vavin'i Jeremia avy any Libna. [19]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy; nataony izay rehetra nataon'i Joiakima. [20]Tamin'ny fahatezeran'i Yaveh, no nisehoan'ireo tranga rehetra ireo tany Jerosalema sy Joda, mandra-pandroahany azy ireo tsy ho eo amin'ny fanatrehany. Ary dia nikomy nanohitra ny mpanjakan'i Babylona i Zedekia.

---

[a]Fanamarihana: ireo dikan-teny sasany dia mivaky toy izao, "Azo antoka fa nohon'ny fahaviniran'i Yaveh tokoa izany."

---

25 [1]Ary tamin'ny taona fahasivy nanjakan'i Zedekia Mpanjaka, tamin'ny volana fahafolo, ary tamin'ny andro fahafolon'ny volana, dia tonga hanohitra an'i Jerosalema i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona sy ireo tafiny rehetra. Nitoby teo anilan'izany izy, ary nanangan'izy ireo rindrina manodidina izany. [2]Ka dia natao fahirano hatramin'ny fahairaika ambiny'ny folo taona nanjakan'i Zedekia Mpanjaka ny tanàna. [3]Tamin'ny andro fahasivin'ny volana fahefatra tamin'izany taona izany, dia namely mafy ny mosary tao an-tanàna ka tsy nisy sakafo ho an'ny vahoakan'ny tany.
[4]Dia vaky ny tanàna, ary ny lehilahy mpiady rehetra nandositra tamin'ny alina avy teo amin'ny lalan'ny vavahady teo anelanelan'ireo rindrina roa, izay eo amin'ny zaridainan'ny mpanjaka, na dia nanodidina ny tanàna rehetra aza ireo Kaldeana. Nandeha tamin'ny lalana mankany Araba ny mpanjaka. [5]Kanefa nanenjika an'i Zedekia Mpanjaka ny tafik'i Kaldeana ka nahatratra azy teo amin'ny lemaky ny lohasahan-dreniranon'i Jordana akaikin'i Jeriko. Ary niparitaka niala taminy ny tafiny rehetra.
[6]Nosamborin'izy ireo ny mpanjaka ary nentiny niakatra tany amin'ny mpanjakan'i Babylona tany Ribla, tany izy ireo no nitsara azy. [7]Raha ny amin'ireo zanaka lahin'i Zedekia kosa, novonoin'izy ireo teo imasony izy ireo. Avy eo dia nopotsirin'izy ireo ny masony, nofatorany tamin'ny rojo varahina izy, ary nentiny tany Babylona.
[8]Tamin'ny volana fahadimy, tamin'ny andro fahafiton'ny volana, izay taona fahasivy ambin'ny folo nanjakan'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona, dia nankany Jerosalema, i Nebozaradana, mpanompon'ny mpanjakan'i Babylona sy lehiben'ireo mpiambiny. [9]Nodorany ny tranon'i Yaveh, ny lapan'ny mpanjaka, ary ny trano rehetra tao Jerosalema; ary nodorany ihany koa izay trano lehibe manan-danja rehetra tao an-tanàna. [10]Ary ireo rindrina manodidina an'i Jerosalema rehetra, dia nopotehin'ireo tafika Babyloniana izay teo ambany fifehezan'ny lehiben'ny mpiambina.
[11]Raha ny amin'ireo vahoaka izay sisa tavela tao an-tanàna, ireo izay nandao ny mpanjakan'i Babylona, ary ireo vahoaka ambiny—dia nalefan'i Neborazadana, mpifehy ny mpiambina an-tsesitany izy ireo. [12]Kanefa ny lehiben'ny mpiambina dia namela ny sasany tamin'ireo mahantra indrindra amin'ny tany mba hiasa ireo tanim-boaloboka sy ireo saha.
[13]Ary ny amin'ireo andry varahina izay tao an-tranon'i Yaveh, sy ireo tsanganana ary ireo tavin-drano varahina lehibe izay tao an-tranon'i Yaveh, dia nopotipotehin'ireo Kaldeana ary nentin'izy ireo niverina tany Babylona ny varahina. [14]Ireo vilany, lapelina, fitoeran-jiro, sotro, ary ireo fanaka varahina rehetra izay fampiasan'ny mpisorona eo an-tempoly—dia nalain'ireo Kaldeana avokoa. [15]Ny vilany famafazan-davenona sy ny lovia izay vita tamin'ny volamena, ary ireo vita tamin'ny volafotsy—dia nalain'ny kapitenin'ny mpiambin'ny mpanjaka ihany koa.
[16]Ireo andry roa, ny koveta, ary ireo tsanganana izay nataon'i Solomona ho an'ny tranon'i Yaveh dia misy varahina tsy hita ho lanjaina. [17]Ny haavon'ny andry voalohany dia valo ambin'ny folo hakiho, ary nihaingo kapitaly varahina ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tampon'izany. Telo hakiho ny haavon'ilay kapitaly, miaraka amin'ny harato sy ampongaben-danitra manodidina ilay kapitaly rehetra, natao tamin'ny varahina avokoa. Mitovy amin'ilay harato voalohany ihany ilay iray hafa.
[18]Nalain'ny lehiben'ny mpiambina i Seraia lehiben'ny mpisorona, niaraka tamin'i Zefania, mpisorona faharoa, ary ireo mpiandry vavahady telo. [19]Avy tao an-tanàna izy no naka tandapa iray ho gadra izay niandraikitra ireo miaramila, ary dimy lahy tamin'ireo dia mpanome hevitra ny mpanjaka, izay mbola tao an-tanàna. Nogadrainy ihany koa ilay manam-pahefan'ny tafiky ny mpanjaka izay miandraikitra ireo lehilahy miofana ho ao amin'ny tafika, niaraka tamina enimpolo lahy manan-kaja avy amin'ny tany ao an-tanàna.
[20]Ary i Nebozaradana, lehiben'ny mpiambina, naka ary nitondra azy ireo tany amin'ny mpanjakan'i Babylona tany Ribla.
[21]Novoin'ny mpanjakan'i Babylona tao Ribla tao amin'ny tany Hamata izy ireo. Toy izany no nanaovana sesitany an'i Joda tany ivelan'ny taniny.
[22]Raha ny amin'ireo vahoaka izay nijanona tao amin'ny tanin'i Joda, ireo izay navelan'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona, dia nametraka an'i Gedalia zanaka lahin'i Ahikama zanak'i Safana, hisahana azy ireo izy. [23]Ary rehefa ren'ireo lehiben'ny miaramila rehetra, izy ireo sy ireo olony, fa efa nataon'ny mpanjakan'i Babylona governora i Gedalia, dia nandeha tany amin'ny Gedalia tany Mizpa izy ireo. Ireto izany lehilahy izany, Ismaela zanaka lahin'i Netania, Johanana zanaka lahin'i Karea, Seraia zanaka lahin'i Tanometa ilay Netofatita, ary i Jazania zanaka lahin'ilay Makatita—izy ireo sy ny olon'izy reo. [24]Nanao fianianana tamin'izy ireo sy tamin'ireo olony i Gedalia, ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra ireo manampahefan'i Kaldeana ianareo. Mitoera eo amin'ny tany ary manompoa ny mpanjakan'i Babylona, ary ho tsara ho anareo izany."
[25]Kanefa tamin'ny volana fahafito i Ismaela zanaka lahin'i Elisama, avy amin'ny mpianakavin'ny mpanjaka, dia nandeha niaraka tamina folo lahy ary nanafika an'i Gedalia. Maty niaraka tamin'ireo olon'i Joda sy ireo Babyloniana izay niaraka taminy tany Mizpa i Gedalia. [26]Ary ny vahoaka rehetra, ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra, ary ireo lehiben'ny miaramila, dia niainga ary nankany Egypta, satria natahotra an'ireo Babyloniana izy ireo.
[27]Taty aoriana tamin'ny fahafito amby telopolo taona naha-sesitany an'i Joakina mpanjakan'i Joda, ny volana faharoa ambin'ny folo, andro fahafito amby roapolon'ny volana, dia namotsotra an'i Joakina mpanjakan'i Joda tany am-ponja i Evila-merodaka mpanjakan'i Babylona. Tamin'ny taona nanombohan'i Evila-merodaka nanjaka izany no niseho.
[28]Niresaka taminy tamin'ny hatsaram-panahy sy nanome seza fiandrianana manan-kaja kokoa noho ny an'ireo mpanjaka hafa izay niaraka taminy tao Babylona izy. [29]Nesorin'i Evila-merodaka ny akanjo maha-gadra an'i Joakina, ary i Joakina dia nihinana teo amin'ny latabatry ny mpanjaka nandritra ny androm-piainany. [30]Nomena solon-tsakafo isan'andro izy nandritra ny androm-piainany.

1 Tantara

1 [1]Adama, Seta, Enosy, [2]Kenana, Mahalalila, Jareda, [3]Enoka, Metosela, Lameka. [4]Sema, Hama sy Jafeta no zanaka lahin'i Noa. [1]
[5]Ireo zanaka lahin'i Jafeta dia Gomera, Magoga, Maday, Javana, Tobala, Maseta, ary Tirasa. [6]Ary ireo zanaka lahin'i Gomera dia Askenaza, Rifata, ary Togarma. [2] [7]Ireo zanaka lahin'i Javana dia Elisa, Tarisisy, Kitima, ary Dodanita.
[8]Ireo zanaka lahin'i Hama dia i Kosy, Mizraima, Pota, ary Kanana. [9]Ireo zanaka lahin'i Kosy dia i Seba, Havila, Sabta, Ragama, ary Sabketa. Ireo zanaka lahin'i Ragama dia i Seba sy dedana. [10]Kosa niteraka an'i Nimroda, izay mpandresy voalohany teto an-tany.
[11]Mizraima dia lasa razamben'ireo Lodita, Anamita, Lehabita, Naftohita, [12]Patrosita sy ny Kaslohita (izay niavian'ireo Filistina), ary ireo Kaftorita.
[13]Kanana niteraka an'i Sidona, lahimatoany, sy Heta. [14]Lasa razamben'ny Jebosita, Amorita, sy Girgasita, [15]Hivita, Arkita, Sinita, [16]Arvadita, Zemarita, ary ny Harnatita ihany koa izy.
[17]Ireo zanaka lahin'i Sema dia Elama, Asyra, Arpahada, Loda, Arama, Oza, Hola, Gatera, ary Maseka. [18]Arpaksada niteraka an'i Sela, ary Sela niteraka an'i Ebera. Nanan-janaka roa lahy i Ebera. [19]Ny anaran'ny iray dia Palega, satria tamin'ny androny dia nizara ny tany. Joktana ny anaran'ny rahalahiny.
[20]Joktana niteraka an'i Almodada, Salefa, Hazarmaveta, Jera, [21]Hadorama, Ozala, Dikla [22]Ebala, Abimaela, Seba, [23]Ofira, Havila, Jobaba; taranak'i Joktana avokoa ireo.
[24]Sema, Arpaksada, Sela, [25]Ebera, Palega, Reo, [26]Seroga, Nahora, Tera, [27]Abrama, izay Abrahama izany.
[28]Ireo zanaka lahin'i Abrahama dia Isaka sy Ismaela. [29]Ireto avy ny zanaka lahin'izy ireo: ny lahimatoan'Ismaela dia i Nebaiota, avy eo Kedara, Abdela, Mibsama, [30]Misma, Doma, Masa, Hadada, Tema, [31]Jetora, Nafisy, ary Kedma. Ireo no zanaka lahin'Ismaela.
[32]Ireo zanaka lahin'i Ketora, vaditsindranon'i Abrahama, dia i Zimrama, Joksana, Medana, Midiana, Jisbaka, ary Soaha. Ireo zanaka lahin'i Joksana dia i Sheba sy Dedana. [33]Ireo zanaka lahin'i Midiana dia i Efaha, Efera, Hanoka, Abida, ary Eldaha. Ireo rehetra ireo dia taranak'i Ketora.
[34]Abrahama niteraka an'Isaka. Ireo zanaka lahin'Isaka dia Esao sy Israely. [35]Ireo zanaka lahin'i Esao dia Elifaza, Regoela, Jeosy, Jalama, ary Kora. [36]Ireo zanaka lahin'i Elifaza dia Temana, Omara, Zefo, Gatama, Kenaza, Timna, ary Amaleka. [37]Ireo zanaka lahin'i Regoela dia i Nahata, Zera, Sama, ary Miza.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[38]Ireo zanaka lahin'i Seira dia i Lotana, Sobala, Zibona, Ana, Disona, Ezera, ary Disana. [39]Ireo zanaka lahin'i Lotana dia i Hori sy Homana, ary Timna no anabavin'i Lotana. [40]Ireo zanaka lahin'i Sobala dia Aliana sy Manahata, Ebala, Sefy, ary Onama. Ireo zanaka lahin'i Zibona dia Aia sy Ana.
[41]Ny zanaka lahin'i Ana dia Disona. Ireo zanaka lahin'i Disona dia Hamrana, Esbana, Jitrana ary Kerana. [42]Ireo zanaka lahin'i Ezera dia i Bilana, Zavana, ary Jakana. Ireo zanaka lahin'i Disana dia Oza sy Arana.
[43]Ireto avy ireo mpanjaka izay nanjaka tany amin'ny tany Edoma talohan'ny nanjakan'izay mety ho mpanjaka teo amin'ireo Israelita: Bela zanaka lahin'i Beora, ary ny anaran'ny tanànany dia Dinaba. [44]Rehefa maty Bela, dia Jobaba zanaka lahin'i Zera avy any Bozra no nanjaka nandimby ny toerany. [45]Rehefa maty Jobaba, dia Hosama avy any amin'ny tanin'ny Temanita no nanjaka nandimby ny toerany.
[46]Rehefa maty Hosama, dia i Hadada zanaka lahin'i Bedada, izay nandresy ireo Midianita tany amin'ny tanin'i Moaba, no nanjaka nandimby ny toerany. Avita no anaran'ny tanànany. [47]Rehefa maty Hadada, dia nanjaka teo amin'ny toerany i Samla avy any Masreka. [48]Rehefa maty Samla, dia nanjaka nandimby ny toerany i Saoly avy any Rehobota Hanahara.
[49]Rehefa maty Saoly, dia nanjaka nandimby ny toerany i Bala-hanana zanaka lahin'i Akbora. [50]Rehefa maty Bala-hanana zanaka lahin'i Akbora, dia nanjaka nandimby ny toerany i Hadara. Pao no anaran'ny tanànany. Ny anaram-badiny dia Mehetabela zanaka vavin'i Matreda zanaka vavin'i Me-zahaba.
[51]Maty Hadada. Ary ny lohan'ireo foko tany Edoma dia i Timna, Alva, Jetata, [52]Oholibama, Elaha, Pinona, [53]Kenaza, Temana, Mibzara, [54]Magdiela, ary Irama. Ireo no lohan'ireo foko tany Edoma.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany dia manala ny hoe: Ireo zanaka lahin'..., fa ny hafa dia ahitana io fomba fiteny io.
[2]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany dia manao hoe: "Difata" raha tokony hoe "Rifata." Na izany aza, "Difata" dia mety ho fandikana diso. Ny fandikana maro taloha dia nanitsy izany ho: "Rifata" mba hanao izany ho anarana mitovy amin'ny ao amin'ny Gen 10:2.

---

2 [1]Ireto avy ireo zanaka lahin'Israely: Robena, Simeona, Levy, Joda, Isakara, Zebolona, [2]Dana, Josefa, Benjamina, Naftaly, Gada, ary Asera.
[3]Ireo zanaka lahin'i Joda dia i Era, Onana, ary Sela, izay naterany tamin'ny zanaka vavin'i Batsoa, ilay Kananita. Era, lahimatoan'i Joda, dia ratsy fanahy teo imason'i Yaveh, ary novonoin'i Yaveh izy. [4]Tamara, vinantony vavy, niteraka an'i Fareza sy Zera taminy. Nanan-janaka lahy dimy i Joda.
[5]Hezrona sy Hamola no zanaka lahin'i Fareza. [6]Ireo zanaka lahin'i Zera kosa dia Zimry, Etana, Hemana, Kalkola, ary Dara, dimy ny fitambarany. [7]Ny zanaka lahin'i Karmy dia i Akara, izay nitondra fikorontanana teo amin'Israely rehefa nangalatra izay voatokana ho an'Andriamanitra izy. [8]Azaria no zanaka lahin'i Etana.
[9]Jeramela, Rama, ary Kelobay no zanaka lahin'i Hezrona. [10]Rama niteraka an'i Aminadaba, ary Aminadaba niteraka an'i Nasona, mpitarika iray eo amin'ireo taranak'i Joda. [11]Nasona niteraka an'i Salma, ary Salma niteraka an'i Boaza. [12]Boaza niteraka an'i Obeda, ary Obeda niteraka an'i Jese.
[13]Jese niteraka an'i Eliaba lahimatoany, i Abinadaba faharoa, Simea fahatelo, [14]Netanela fahefatra, Raday fahadimy, [15]Ozema fahenina, ary Davida fahafito.
[16]Abigaila sy Zeroba no anabavin'izy ireo. Abisay, Joaba, ary Asahela, telo mirahalahy no zanaka lahin'i Zeroba. [17]Abigaila niteraka an'i Amasa, izay Jitra ilay Ismaelita no rainy.
[18]Kaleba zanaka lahin'i Hezrona niteraka zanaka avy tamin'i Azoba, vadiny, sy tamin'i Jeriota. Jasera, Sobaba, ary Ardona no zanany lahy. [19]Maty Azoba, ary dia nalain'i Kaleba ho vady i Efrata, izay niteraka an'i Hora taminy. [20]Hora niteraka an'i Ory, ary Ory niteraka an'i Bezalila.
[21]Taty aoriana kely Hezrona (rehefa enim-polo taona izy) dia nampakatra ny zanaka vavin'i Makira, rain'i Gileada. Niteraka an'i Segoba taminy izy. [22]Segoba niteraka an'i Jaira, izay nifehy tanàna telo amby roa-polo tao amin'ny tanin'i Gileada.
[23]Nalain'i Gesora sy Arama ny renivohitr'i Jaira sy Kenata, mbamin'ireo renivohitra enim-polo manodidina. Samy taranak'i Makira, rain'i Gileada avokoa ireo mponina rehetra ireo. [24]Taorian'ny nahafatesan'i Hezrona, dia nandry niaraka tamin'i Efrata, vadin'i Hezrona rainy i Kaleba. Niteraka an'i Asora, rain'i Tekoa taminy izy. [1]
[25]Ary ireo zanaka lahin'i Jeramela, ilay lahimatoan'i Hezrona, dia i Rama ilay lahimatoa, Bona, Orena, Ozema, ary Ahia.
[26]Mbola nanana vady hafa koa i Jeramela, izay Atara no anarany. Izy no renin'i Onama. [27]Ireo zanaka lahin'i Rama, ilay lahimatoan'i Jeramela, dia i Maza, Jamina, ary Ekera. [28]Samay sy Jada no zanaka lahin'i Onama. Nadaba sy Abisora no zanaka lahin'i Samay.
[29]Ny anaran'ny vadin'i Abisora dia Abihaila, ary niteraka an'i Abana sy Molida taminy izy. [30]Saleda sy Apaima no zanaka lahin'i Nadaba, fa i Saleda kosa dia maty tsy nanan-janaka. Jisy no zanaka lahin'i Apaima. [31]Sesana no zanaka lahin'i Jisy. Ahelay no zanaka lahin'i Sesana. [32]Ireo zanaka lahin'i Jada, rahalahin'i Samay, dia Jatera sy Jonatana. Maty tsy nanan-janaka i Jatera. [33]Paleta sy Zaza no zanaka lahin'i Jonatana. Ireo no taranak'i Jeramela.
[34]Ary Sesana tsy nanan-janaka lahy, fa zanaka vavy ihany. Nanana mpanompo i Sesana, izay Egyptiana, Jara no anarany. [35]Nomen'i Sesana ho an'i Jara mpanompony ny zanany vavy mba ho vadiny. Niteraka an'i Atahy taminy izy.
[36]Atahy niteraka an'i Natana, ary Natana niteraka an'i Zabada. [37]Zabada niteraka an'i Efiala, ary Efiala niteraka an'i Obeda. [38]Obeda niteraka an'i Jeho, ary Jeho niteraka an'i Azaria.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[39]Azaria niteraka an'i Haleza, ary Haleza niteraka an'i Elasa. [40]Elasa niteraka an'i Sismay, ary Sismay niteraka an'i Saloma.
[41]Saloma niteraka an'i Jekamia, ary Jekamia niteraka an'i Elisama.
[42]Ireo zanaka lahin'i Kaleba, rahalahin'i Jeramela, dia Mesa lahimatoany, izay razamben'ny any Zifa. Ny zanany lahy faharoa, Maresa, no razamben' ny any Hebrona. [43]Kora, Tapoa, Rakema, ary Sema no zanaka lahin'i Hebrona. [44]Sema niteraka an'i Rahama, rain'i Jorkeama. Rakema niteraka an'i Samay.
[45]Maona no zanaka lahin'i Samay, ary Maona no razamben'i Beti-zora. [46]Efaha, vaditsindranon'i Kaleba, niteraka an'i Harana, Moza, ary Gazeza. Ary Harana niteraka an'i Gazeza. [47]Ragema, Jotama, Gesana, Paleta, Efaha, ary Safa no zanaka lahin'i Jeday.
[48]Maka, vaditsindranon'i Kaleba, niteraka an'i Sabera sy Tirana. Niteraka an'i Safa raamben'ny any Madmana, Seva razamben'ny any Makbena sy razamben'ny any Gibea ihany koa izy. [49]Ny zanaka vavin'i Kaleba dia i Aksa. Ireo no taranak'i Kaleba. [50]Ireto avy ny zanaka lahin'i Hora, lahimatoany avy tamin'i Efrata: Sobala razamben'ny any Kiriata-Jearima,
[51]Salma razamben'i Betlehema, ary Harefa razamben'ny any Beti-gadera.
[52]Sobala razamben'ny any Kiriata Zarima dia nanana taranaka: Haroe, ny antsasaky ny vahoaka Hamenakota, [53]ary ireo fokon'i Kiriata Zarima: dia ireo Jitrita, Potita, Somatita, ary Misraita. Ireo Zoraita sy Estaolita dia taranaka avy amin'izy ireo.
[54]Ireto manaraka ireto ny fokon'i Salma: Betlehema, ireo Netofatita, Atrota Beti-Joaba, ary ny antsasak'ireo Hamanatita—ireo Zoraita, [55]ireo fokon'ireo mpanora-dalàna izay nonina tany Jabeza dia: ireo Tiratita, Simeatita, ary ny Sokatita. Ireo no Kenita izay taranaka avy tamin'i Hamata, razamben'ireo Rekabita.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Taorian'ny nahafatesan'i Hezrona tao Kaleba-efrata, dia niteraka zazalahy taminy i Abija vadiny, dia i Asora, rain'i Tekoa.

---

3 [1]Ary ireto avy ny zanaka lahin'i Davida izay naterany tany Hebrona: Amnona no lahimatoa, zanak'i Ahinoama avy any Jezirela; Daniela no faharoa, zanak'i Abigaila avy any Karmela; [2]Absaloma, zanak'i Maka, zanaka vavin'i Talmay mpanjakan'i Gesora no fahatelo. Adonia zanaka lahin'i Hagita no fahefatra; [3]Sefatia zanaka lahin'i Abitala no fahadimy; Jitreama zanaka lahin'i Egla vadiny no fahenina.
[4]Ireo enina ireo no naterak'i Davida tao Hebrona, izay nanjakany nandritry ny fito taona sy enim-bolana. Avy eo izy nanapaka nandritry ny telo amby telo-polo taona tao Jerosalema. [5]Ireto zazalahy efatra ireto, izay avy amin'i Batsoa zanaka vavin'i Amiela, dia naterany tany Jerosalema: Simea, Sobaba, Natana, ary Solomona. [1]
[6]Ireo zanaka lahin'i Davida sivy hafa dia: Jibara, Elisama, Elifeleta, [2][7]Noga, Nafega, Jafia, [8]Elisama, Eliada, ary Elifeleta.
[9]Ireo no zanaka lahin'i Davida, tsy ao anatin'izany ireo zanany avy tamin'ireo vaditsindranony. Tamara no anabavin'izy ireo.
[10]Rehoboama no zanaka lahin'i Solomona. Abia no zanaka lahin'i Rehoboama. Asa no zanaka lahin'i Abia. [11]Josafata no zanaka lahin'i Asa. Jehorama no zanaka lahin'i Josafata. Ahazia no zanaka lahin'i Jehorama. Joasy no zanaka lahin'i Ahazia. [12]Amazia no zanaka lahin'i Joasy. Azaria no zanaka lahin'i Amazia. Jotama no zanaka lahin'i Azaria.
[13]Ahaza no zanaka lahin'i Jotama. Hezekia no zanaka lahin'i Ahaza. [14]Manase no zanaka lahin'i Hezekia. Amona no zanaka lahin'i Manase. Josia no zanaka lahin'i Amona.
[15]Johanana no zanak'i Josia lahimatoa, Joiakima no faharoa, Zedekia no fahatelo, ary Saloma no fahefatra. [16]Jekonia sy Zedekia no zanaka lahin'i Joiakima.
[17]Ireo zanaka lahin'i Jekonia, ilay babo, dia Sealtiela, [18]Malkirama, Pedaia, Senazara, Jekamia, Hosama, ary Nedabia.
[19]Zerobabela sy Simey no zanaka lahin'i Pedaia. Mesolama sy Hanania no zanaka lahin'i Zerobabela; Selomita no anabavin'izy ireo. [20]Ireo zanany lahy dimy hafa dia Hasoba, Ohela, Berekia, Hasadia, ary Josaba-heseda. [21]Ireo zanaka lahin'i Hanania dia Pelatia sy Jisaia. Rafaia no zanany lahy, ary Arnana, Obadia, sy Sekania no taranaka bebe kokoa.
[22]Semaia no zanaka lahin'i Sekania. Hatosy, Jigala, Baria, Nearia, ary Safata no zanaka lahin'i Semaia. [23]Ireo zanaka lahin'i Nearia telo dia Elioenay, Hezekia, ary Azrikama. [24]Ireo zanaka lahin'i Elioenay fito dia Hodaia, Eliasiba, Pelaia, Akoba, Johanana, Delaia, ary Anany.

---

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia manao hoe: "Batseba" raha tokony ho "Batsoa"
[2]Fanamarihana: Ny ULB sy UDB dia mampifanaraka ny hoe "Elisama" sy "Elifeleta" amin'i "Elisoa" sy "Elfeleta," tahaka ny ataon'ny dikan-teny sasany.

---

4 [1]Ireo taranak'i Joda dia Fareza, Hezrona, Karmy, Hora, ary Sobala. [2]Sobala no rain'i Reaia. Reaia no rain'i Jahata. Jahata no rain'i Ahomay sy Lahada. Ireo no razamben'ny fokon'ireo Zoraita.
[3]Ireto avy ireo razamben'ireo foko tao amin'ny tanànan'i Etama: Jezirela, Jisma, ary Jidbasy. Hazelelpony no anaran'ny anabavin'izy ireo. [4]Penoela no razamben'ny foko tao amin'ny tanànan'i Gedora. Ezera no fiantombohan'ireo foko tao Hosa. Ireo no taranak'i Hora, ilay lahimatoan'i Efrata sy razamben'ny any Betlehema.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Asora razamben'ny any Tekoa dia nanana vady roa, Hela sy Nara. [6]Nara niteraka an'i Ahozama, Hafera, Temeny ary Hahastary. Ireo no zanaka lahin'i Nara. [7]Ireo zanaka lahin'i Hela dia Zareta, Jizara, Etnana [8]ary Hakoza, izay niteraka an'i Anoba sy Zobeba, sy ny foko avy amin'ny taranak'i Aharela zanaka lahin'Haroma.
[9]Jabeza dia voahaja kokoa noho ireo rahalahiny. Jabeza no niantsoan'ny reniny azy. Hoy izy hoe: "Satria tamin'ny fanaintainana no niterahako azy." [10]Niantso an'ilay Andriamanitry ny Israely i Jabeza ary niteny hoe: "Raha hitahy ahy tokoa Ianao, dia hitaro ny fari-taniko, ary ny tananao homba ahy. Rehefa manao izany Ianao dia hiaro ahy amin'ny ratsy, mba ho afaka amin'ny fanaintainana aho!" Koa dia notanterahin'Andriamanitra ny fivavany.
[11]Keloba rahalahin'i Soha niteraka an'i Mehira, izay rain'i Estona. [12]Estona niteraka an'i Betirafa, Pasea, ary Tehina, izay nanorina ny tanànan'i Ir-nahasa. Ireo avy ireo olona nonina tao Reka.
[13]Ireo zanaka lahin'i Kenaza dia Otniela sy Seraia. Ireo zanaka lahin'i Otniela dia Hatata sy Meonotahy. [1] [14]Meonotahy niteraka an'i Ofra, ary Seraia niteraka an'i Joaba, ilay niantombohan'ny lohasahan'ny mpiasa, izay mpanao asa-tanana ny vahoakany. [15]Ireo zanaka lahin'i Kaleba zanaka lahin'i Jefone dia Iro, Elaha sy Nama. Ny zanaka lahin'i Elaha dia Kenaza.
[16]Ireo zanaka lahin'i Jehalalila dia i Zifa, Zifaha, Tiria ary Asarela.
[17]Ireo zanaka lahin'i Ezra dia i Jatera, Mareda, Efera ary Jalona. Ilay Egyptiana vadin'i Mareda dia niteraka an'i Miriama, Samay ary Jisba, izay razamben'ny any Estemoa. Ireo no zanaka lahin'i Bitia, zanaka vavin'i Farao, izay novadian'i Mareda. [18]Ilay Jiosy vadin'i Mareda dia niteraka an'i Jareda, izay niteraka an'i Gedora; Hebera, izay niteraka an'i Soko; ary Jakotiela izay niteraka an' i Zanoa.
[19]Ny amin'ireo zanaka roa lahin'ny vadin'i Hodia, anabavin'i Nahama, ny iray dia niteraka an'i Keila ilay Garmita. Ilay hafa dia Estemoa ilay Makatita. [20]Ireo zanaka lahin'i Simona dia i Amnona, Rina, Ben-hanana, ary Tilona. Ireo zanaka lahin'i Jisy dia i Zoheta sy Ben-zoheta.
[21]Ireo taranak'i Sela zanaka lahin'i Joda dia Era rain'i Leka, Lada rain'i Maresa sy ireo fokon'ireo mpanao rongony fotsy madinika tany Asbea, [22]Jokima, ireo vahoakan'i Kozeba, ary Joasy sy Sarafa, izay nanana fananana tao Moaba, nefa niverina tany Betlehema. (Avy amin'ireo raki-tsoratra taloha io fampahafantarana io). [23]Ny sasany tamin'ireo olona mpanefy tanimanga ireo dia nonina tao Netaima sy Gadera ary niasa ho an'ny mpanjaka.
[24]Ireo taranak'i Simeona dia Nemoela, Jamina, Jariba, Zera ary Saoly. [25]Saloma no zanaka lahin'i Saoly, Mibsama no zanaka lahin'i Saloma, ary Misma no zanaka lahin'i Mibsama. [26]Ireo taranak'i Misma dia i Hamoela zanany lahy, Zakora zafiny, ary Simey zafiafiny.
[27]Simey dia nanana zanaka lahy enina ambin'ny folo ary zanaka vavy enina. Ny rahalahiny dia tsy nanana zanaka maro, ka tsy nitombo tahaka ny vahoakan'i Joda ny isan'ireo fokony. [28]Nonina tao Beri-sheba, Molada, sy tao Hazara-soala izy ireo.
[29]Nonina tao Bila, Ezema sy Tolada,[30]Betoela, Horma sy Ziklaga,[31]Beti-markabota, Hazora-sosima, Beti-biry ary Saraima ihany koa izy ireo. Ireo no tanànan'izy ireo mandra-panjakàn' i Davida.
[32]Ireo tanàna dimin'izy ireo dia Etama, Aina, Rimona, Tokena, ary Asana, [33]niaraka tamin'ireo tanàna manodidina hatrany Bala. Ireo no fonenan'izy ireo, ary izy ireo no nihazona ny tahirin'ny tetiarana.
[34]Ireo mpitarika ny foko dia i Mesobaba, Jamleka, Josa zanaka lahin'i Amazia, [35]Joela, Jeho zanaka lahin'i Josibia zanaka lahin'i Seraia zanaka lahin'i Asiela, [36]Elioenay, Jakoba, Jesohaia, Asaia, Adiela, Jesimiela sy Benaia, [37]ary Ziza zanaka lahin'i Sify zanaka lahin'i Alona zanaka lahin'i Jedaia zanaka lahin'i Simry zanaka lahin'i Semaia. [38]Ireo anarana voatonona ireo no mpitarika tao amin'ny fokon'izy ireo, ary nitombo maro ireo fokony.
[39]Nankany akaikin'i Gedora izy ireo, tany amin'ny ilany atsinanan'ny lohasaha, mba hitady ahitra ho an'ny ondry aman'osin'izy ireo. [40]Nahita ahitra maro sady tsara izy ireo. Nalalaka, nangingina, ary nilamina ilay tany. Efa nonina tao ireo Hamita tany aloha. [41]Ireo voasoratra anarana ireo dia tonga tamin'ny andron'i Hezekia mpanjakan'i Joda, ka nanafika ny fonenan'i Hamita sy ireo Meonita, izay tao ihany koa. Naringan'izy ireo tanteraka izy ireo ary nonina tao satria nahita ahitra ho an'ireo ondry aman'osiny izy ireo.
[42]Nisy lehilahy diman-jato avy tamin'ny fokon'i Simeona nankany amin'ny tendrombohitra Seira, niaraka tamin'ireo mpitarik'izy ireo dia i Peletia, Nearia, Refaia, ary Oziela zanaka lahin'i Jisy. [43]Nandresy ny sisa afaka tamin'ny Amalekita izy ireo, ka nonina tao mandrak'androany.

---

[1]Fanamarihana: Ny ankamaroan'ireo dikan-teny dia manisy hoe: "Meonotahy" ao amin'io andininy io, mihevitra hoe fahadisoan'ny mpanoratra ny nanala izany

---

5 [1]Ireo zanaka lahin'i Robena ilay lahimatoan'Israely— ary Robena no lahimatoan'Israely, kanefa nomena an'ireo zanaka lahin'i Josefa zanaka lahin'Israely ny fizokiany satria nandoto ny fandrian-drainy i Robena. Ka dia tsy voasoratra ho zanaka lahy zokiny indrindra izy. [2]Joda no natanjaka indrindra tamin'ireo rahalahiny, ary avy aminy no niavian'ny mpitarika. Kanefa ny fizokiana dia an'i Josefa— [3]ireo zanaka lahin'i Robena, ilay lahimatoan'Israely dia i Hanoka, Palo, Hezrona, ary Karmy.
[4]Ireto avy ny taranak'i Joela: ny zanaka lahin'i Joela dia i Semaia. [5]Ny zanaka lahin'i Semaia dia i Goga. Ny zanaka lahin'i Goga dia i Simei. Ny zanaka lahin'i Simei dia i Mika. Ny zanaka lahin'i Mika dia i Reaia. Ny zanaka lahin'i Reaia dia i Bala.
[6]Ny zanaka lahin'i Bala dia i Bera, ilay nalain'i Tiglato-pilesera mpanjakan'i Asyria ho babo. Bera dia mpitarika tao amin'ny fokon'i Robena.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Ireto manaraka ireto ny havan'i Bera avy amin'ireo fokony, izay voatanisa ao amin'ny tahirin'ny tetiaran'izy ireo: Jeiela no zokiny indrindra, Zakaria, sy [8]Bela zanaka lahin'i Azaza zanaka lahin'i Sema zanaka lahin'i Joela. Nonina tany Aroera, hatrany Nebo ary Balameona, [9]ary miantsinana manomboka eo amin'ny efitra izay mihitatra hatrany amin'ny renirano Efrata izy ireo. Izany dia satria nanana biby fiompy maro teo amin'ny tanin'i Gileada izy ireo.
[10]Tamin'ny andron'i Saoly, dia nanafika an'ireo Hagrita ny fokon'i Robena ary nandresy azy ireo. Nonina tao amin'ny lain'ireo Hagrita nanerana ny tany rehetra tany antsinanan'i Gileada izy ireo.
[11]Nonina teo akaikin'izy ireo ny mpikambana tao amin'ny fokon'i Gada, teo amin'ny tany Basana hatrany Saleka. [12]Ny mpitarika azy ireo dia i Joela, izay lehiben'ny foko, ary Safama no lehiben'ny foko hafa, ary Janay sy Safata tany Basana.
[13]Ireo havan'izy ireo, avy amin'ireo fianakavian-drainy, dia i Mikaela, Mesolama, Seba, Joray, Jakana, Zia, ary Ebera— fito ny fitambarany.
[14]Ireo olona voalaza anarana eo ambony ireo no taranak'i Abihaila, ary Abihaila dia zanaka lahin'i Hory. Hory dia zanaka lahin'i Jaroa. Jaroa dia zanaka lahin'i Gileada, Gileada dia zanaka lahin'i Mikaela. Mikaela dia zanaka lahin'i Jesisay. Jesisay dia zanaka lahin'i Jado. Jado dia zanaka lahin'i Boza. [15]Ahia zanaka lahin'i Abdiela zanaka lahin'i Gony, no loham-pianakavian'ny rain'izy ireo.
[16]Nonina tao Gileada, tany Basana, tao amin'ny renivohiny izy ireo, ary tao amin'ny tany fihinanam-bilon'i Sarona rehetra hatrany amin'ny sisin-taniny. [17]Ireo rehetra ireo dia voatanisa araka ny tahiry tetiarana tamin'ny andron'i Jotama mpanjakana'i Joda sy tamin'i Jeroboama mpanjakan'Israely.
[18]Ireo Robenita, ireo Gadita, ary ny antsasaky ny fokon'i Manase dia nanana miaramila efatra arivo sy efatra alina voahofana ho amin'ny ady, izay nitàna ampinga sy sabatra, ary nanenjana ny tsipìka. [19]Nanafika an'ireo Agarita, Jetora, Nafisy, ary Nodaba izy ireo.
[20]Nandray fanampiana avy tamin'Andriamanitra izy ireo mba hamelezana azy ireo. Tamin'izany fomba izany, no naharesy ireo Agarita sy izay rehetra niaraka tamin'izy ireo. Izany dia satria nitalaho tamin'Andriamanitra tany an'ady ny Israelita, ary namaly azy ireo Izy, satria nametraka ny fitokisany taminy izy ireo. [21]Nosamborin'izy ireo ny biby fiompiny, anisan'izany ny rameva dimy alina, ondry aman'osy 250. 000, boriky roa arivo, ary lehilahy 100. 000. [22]Satria Andriamanitra niady ho azy ireo, dia novonoin'izy ireo ny ankamaroan'ireo fahavalo. Nonina tao amin'ny taniny izy ireo mandra-pahatongan'ny fanababoana.
[23]Nonina teo amin'ny tany Basana hatrany Bala Hermona sy Senira (Tendrombohitra Hermona izany) ny antsasaky ny fokon'i Manase. [24]Ireto avy ny mpitarika ny fianakavian'izy ireo: Efera, Jisy, Eliala, Azriela, Jeremia, Hodavia, ary Jadiela. Izy ireo dia lehilahy mahery sy be risi-po, lehilahy malaza, mpitarika ny fianakavian'izy ireo.
[25]Kanefa tsy nahatoky ny Andriamanitr'ireo razambeny izy ireo. Fa kosa, nanompo ny andriamanitr'ireo vahoakan'ny tany, izay efa noravan'Andriamanitra teo anatrehan'izy ireo. [26]Ilay Andriamanitr'Israely namporisika an'i Pola mpanjakan'i Asyria (antsoina ihany koa hoe Tiglato-pilesera, mpanjakan'i Asyria). Nalefany sesi-tany ireo Robenita, Gadita, ary ny antsasaky ny fokon'i Manase. Nentiny tany Hala, Habora, Hara, ary tany amin'ny reniranon'i Gozana izy ireo, izay hitoeran'izy ireo mandrak'androany.

6 [1]Ireo zanaka lahin'i Levy dia i Gersona, Kehata, ary Merary. [2]Ireo zanaka lahin'i Kehata dia i Amrama, Jizara, Hebrona, ary Oziela. [3]Ireo zanak'i Amrama dia i Arona, Mosesy ary Miriama. Ireo zanaka lahin'i Arona dia Nadaba, Abiho, Eleazara, ary Itamara.
[4]Eleazara niteraka an'i Finehasa, ary Finehasa niteraka an'i Abisoa. [5]Abisoa niteraka an'i Boky, ary Boky niteraka an'i Ozy.
[6]Ozy niteraka an'i Zerahia, ary Zerahia niteraka an'i Meraiota.
[7]Meraiota niteraka an'i Amaria, ary Amaria niteraka an'i Ahitoba. [8]Ahitoba niteraka an'i Zadoka, ary Zadoka niteraka an'i Ahimaza. [9]Ahimaza niteraka an'i Azaria, ary Azaria niteraka an'i Johanana.
[10]Johanana niteraka an'i Azaria, izay nanompo tao amin'ny tempoly izay namboarin'i Solomona tany Jerosalema. [11]Azaria niteraka an'i Amaria, ary Amaria niteraka an'i Ahitoba. [12]Ahitoba niteraka an'i Zadoka, ary Zadoka niteraka an'i Saloma.
[13]Saloma niteraka an'i Hilkia, ary Hilkia niteraka an'i Azaria. [14]Azaria niteraka an'i Seraia, ary Seraia niteraka an'i Jozadaka. [15]Lasa babo i Jozadaka rehefa nataon'i Yaveh sesi-tany tamin'ny tanan'i Nebokadnezara i Joda sy Jerosalema.
[16]Ireo zanaka lahin'i Levy dia i Gersona, Kehata, ary Merary. [17]Ireo zanaka lahin'i Gersona dia i Libny sy Semey. [18]Ireo zanaka lahin'i Kehata dia i Amrama, Jizara, Hebrona, ary Oziela.
[19]Ireo zanaka lahin'i Merary dia i Maly sy Mosy. Lasa fokon'i Levita avy amin'ireo fianakavian-drainy izy ireo. [20]Ireo taranak'i Gersona dia nanomboka tamin'i Libny zanany lahy. Ny zanaka lahin'i Libny dia i Jahata. Ny zanany lahy dia i Zima. [21]Ny zanany lahy dia i Joa. Ny zanany lahy dia i Ido. Ny zanany lahy dia i Zera. Ny zanany lahy dia i Jeateray.
[22]Ireo taranak'i Kehata dia nanomboka tamin'i Aminadaba zanany lahy. Ny zanany lahy dia i Kora. Ny zanany lahy dia i Asira. [23]Ny zanany lahy dia i Elkana. Ny zanany lahy dia i Ebiasafa. Ny zanany lahy dia i Asira.[24]Ny zanany lahy dia i Tahata. Ny zanany lahy dia i Oriela. Ny zanany lahy dia i Ozia. Ny zanany lahy dia i Saoly.
[25]Ireo zanaka lahin'i Elkana dia i Amasay, Ahimota, ary Elkana. [26]Ny zanaka lahin'ity Elkana faharoa ity dia i Zofay. Ny zanany lahy dia i Nahata. [27]Ny zanany lahy dia i Eliaba. Ny zanany lahy dia i Jerohama. Ny zanany lahy dia i Elkana.

[28]Ireo zanaka lahin'i Samoela, dia i Joela lahimatoa, ary Abia, no faharoa. [29]Ny zanaka lahin'i Merary dia Maly. Ny zanany lahy dia Libny. Ny zanany lahy dia Semey. Ny zanany lahy dia Oza. [30]Ny zanany lahy dia Simea. Ny zanany lahy dia Hagia. Ny zanany lahy dia Asaia.
[31]Ireto avy ireo anaran'ireo lehilahy izay nataon'i Davida hiandraikitra ny zava-maneno tao an-tranon'i Yaveh, tao aorian'ny nijanonan'ny fiara tao. [32]Nanompo tamin'ny fihirana nanoloana ny tabernakely, ilay trano lay fihaonana izy ireo, mandra-pahavitan'i Solomona ny tranon'i Yaveh tany Jerosalema. Nahatanteraka ny adidiny nifanaraka tamin'ireo toromarika izay nomena azy izy ireo.
[33]Ireto avy ireo izay nanompo niaraka tamin'ireo zanany lahy. Avy amin'ny fokon'ny Kehatita i Hemana mpitendry zava-maneno. Ireto avy ireo razambeny, miverina araka ny fotoana: Hemana no zanaka lahin'i Joela. Joela no zanaka lahin'i Samoela. [34]Samoela no zanaka lahin'i Elkana. Elkana no zanaka lahin'i Jerohama. Jerohama no zanaka lahin'i Eliala. Eliala no zanaka lahin'i Toa. [35]Toa no zanaka lahin'i Zofa. Zofa no zanaka lahin'i Elkana. Elkana no zanaka lahin'i Mahata. Mahata no zanaka lahin'i Amasay. Amasay no zanaka lahin'i Elkana.
[36]Elkana no zanaka lahin'i Joela. Joela no zanaka lahin'i Azaria. Azaria no zanaka lahin'i Zefania. [37]Zefania no zanaka lahin'i Tahata. Tahata no zanaka lahin'i Asira. Asira no zanaka lahin'i Ebiasafa. Ebiasafa no zanaka lahin'i Kora. [38]Kora no zanaka lahin'i Jizara. Jizara no zanaka lahin'i Kehata. Kehata no zanaka lahin'i Levy. Levy no zanaka lahin'Israely.
[39]Asafa no mpiara-miasa tamin'i Hemana, izay nitsangana teo amin'ny tanany an-kavanana. Asafa no zanaka lahin'i Berekia. Berekia no zanaka lahin'i Simea. [40]Simea no zanaka lahin'i Mikaela. Mikaela no zanaka lahin'i Beseia. Beseia no zanaka lahin'i Malkia. [41]Malkia no zanaka lahin'i Etny. Etny no zanaka lahin'i Zera. Zera no zanaka lahin'i Adaia. [42]Adaia no zanaka lahin'i Etana. Etana no zanaka lahin'i Zima. Zima no zanaka lahin'i Simey. [43]Simey no zanaka lahin'i Jahata. Jahata no zanaka lahin'i Gersona. Gersona no zanaka lahin'i Levy.
[44]Teo amin'ny tanana an-kavian'i Hemana ireo zanaka lahin'i Merary izay mpiara-miasa taminy. Anisan'izany i Etana zanaka lahin'i Kisy. Kisy dia zanaka lahin'i Abdia. Abdia no zanaka lahin'i Maloka. [45]Maloka no zanaka lahin'i Hasabia. Hasabia no zanaka lahin'i Amazia. Amazia no zanaka lahin'i Hilkia. [46]Hilkia no zanaka lahin'i Amzy. Amzy no zanaka lahin'i Bany. Bany no zanaka lahin'i Samera. [47]Samera no zanaka lahin'i Maly. Maly no zanaka lahin'i Mosy. Mosy no zanaka lahin'i Merary. Merary no zanaka lahin'i Levy.
[48]Ireo mpiara-miasa amin'izy ireo, ireo Levita, dia voatendry hanao ny asa rehetra ho an'ny tabernakely, ilay tranon'Andriamanitra.
[49]Arona sy ireo zanany lahy no nanao ny fanatitra teo amin'ny alitara ho an'ny fanatitra dorana; sy ny fanatitra teo amin'ny alitaran'ny ditin-kazo manitra ho an'ny asa rehetra eo amin'ny toerana masina indrindra. Ireo fanatitra ireo no nanaovana fanavotana ho an'Israely, araka izay rehetra nandidin'i Mosesy ilay mpanompon'Andriamanitra.
[50]Ireo taranak'i Arona dia voatanisa toy izao manaraka izao: ny zanaka lahin'i Arona dia Eleazara. Ny zanaka lahin'i Eleazara dia Finehasa. Ny zanaka lahin'i Finehasa dia Abisoa. [51]Ny zanaka lahin'i Abisoa dia Boky. Ny zanaka lahin'i Boky dia Ozy. Ny zanaka lahin'i Ozy dia Zerahia. [52]Ny zanaka lahin'i Zerahia dia Meraiota. Ny zanaka lahin'i Meraiota dia Amaria. Ny zanaka lahin'i Amaria dia Ahitoba. [53]Ny zanaka lahin'i Ahitoba dia Zadoka. Ny zanaka lahin'i Zadoka dia Ahimaza.
[54]Ireto avy ireo toerana izay voatondro honenan'ireo taranak'i Arona, izay natao ho an'ireo taranak'i Arona izay avy amin'ny fokon'ny Kehatita (ny filokana voalohany dia azy ireo). [55]Nomen'izy ireo azy ireo Hebrona any amin'ny tanin'i Joda sy ireo tany fihinanam-bilony, [56]fa ireo sahan'ny tanàna sy ireo vohiny kosa dia nomen'izy ireo an'i Kaleba zanaka lahin'i Jefone.
[57]Ho an'ireo taranak'i Arona dia nomen'izy ireo: Hebrona (tanànan'ny fialofana), sy Libna miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, Jatira, Estemoa miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, [58]Hilena miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, ary Debira miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony.
[59]Nomen'izy ireo ho an'ireo taranak'i Arona: Asana miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony sy Beti-semesy miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony; [60]ary avy amin'ny fokon'ny Benjamina no nanomezana azy ireo an'i Geba miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, Alemeta miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, ary Anotata miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony. Ireo tanànan'izy ireo rehetra dia miisa telo ambin'ny folo.
[61]Ho an'ireo taranak'i Kehata ambiny dia nomen'izy ireo azy ireo tamin'ny filokana ireo tanàna folo avy amin'ny antsasaky ny fokon'ny Manase. [62]Ho an'ireo taranak'i Gersona amin'ireo fokony isan-karazany dia nomena ho azy ny tanàna telo ambin'ny folo avy amin'ireo fokon'ny Isakara, Asera, Naftaly, ary ny antsasaky ny fokon'ny Manase tany Basana.
[63]Ho an'ireo taranak'i Merary dia nomen'izy ireo tanàna roa ambin'ny folo, araka ireo fokony, avy amin'ny fokon'i Robena, Gada, ary Zebolona. [64]Ary dia nomen'ireo olon'Israely ho an'ireo Levita ireo tanàna ireo miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony. [65]Notendren'izy ireo tamin'ny filokana ireo renivohitra voalaza teo aloha avy amin'ny fokon'i Joda, Simeona, ary Benjamina.
[66]Ho an'ireo fokon'ny Kehatita sasany dia nomen'izy ireo tanàna avy amin'ny fokon'i Efraima. [67]Nomen'izy ireo azy ireo: Sekema (tanànan'ny fialofana) miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony tany amin'ny tany havoan'i Efraima, Gazera miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, [68]Jokmeama miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, Beti-horona miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, [69]Aialona miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony ary Gata-rimona miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[70]Nomen'ireo antsasaky ny fokon'i Manase an'ireo Kehatita: Amera miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony sy Bileama miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony. Lasa fananan'ireo fokon'ny Kehatita sisa ireo.
[71]Ho an'ireo taranak'i Gersona tsy ao anatin'ny antsasaky ny fokon'i Manase, nomen'izy ireo: Golana any Basana miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony sy Astarta miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony. [72]Nomen'ny fokon'Isakara an'ireo taranak'i Gersona: Kadesy miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, Daberata miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony,
[73]Ramota miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, ary Anema miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony.
[74]Noraisin'Isakara avy amin'ny fokon'i Asera: Masala miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, Abdona miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, [75]Hokoka miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, ary Rehoba miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony. [76]Noraisin'izy ireo avy amin'ny fokon'i Naftaly: Kadesy any Galilia miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, Hamona miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, ary Kiriataima miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony.
[77]Ho an'ny sisa amin'ireo Levita, ireo taranak'i Merary, dia nomen'ny fokon'ny Zebolona: Rimono miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony sy Tabara miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony. [78-79]Dia nomena ho azy ireo ihany koa, ny teo am-pitan'i Jordana any Jeriko, teo atsinanan'ny ony: Bazera tany an'efitra miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, Jaza miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, Kedemota miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, Mefata miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony. Ireo no nomena avy amin'ny fokon'i Robena.
[80]Noraisin'ireo Levita avy tamin'ny fokon'i Gada: Ramota any Gileada miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, Mahanaima miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, [81]Hesbona miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony, ary Jazera miaraka amin'ireo tany fihinanam-bilony.

7 [1]Ireo zanaka lahin'i Jisakara efatra dia i Tola, Poa, Jasoba ary Simrona. [2]Ireo zanaka lahin'i Tola dia Ozy, Refaia, Jeriela, Jamay, Jibsama ary Samoela. Izy ireo no lohany ao amin'ny fianakavian'ny rain'izy ireo, avy amin'ny taranak'i Tola ary izy ireo dia isan'ireo mpiady mahery tamin'ny andron'izy ireo. 22, 600 no isan'izy ireo tamin'ny andron'i Davida. [3]Ny zanak'i Ozy dia i Jizrahia. Ireo zanany lahy dia Mikaela, Obadia, Joela, ary Jisia, izy dimy ireo dia mpitarika foko avy.
[4]Andian-tafika enina arivo sy telo alina hiatrika ady no niaraka tamin'izy ireo, araky ny lisitry ny fianakavian'ny razamben'izy ireo, satria izy ireo dia nanana vady aman-janaka maro be. [5]Ireo rahalahiny, avy amin'ny fokon'i Jisakara, dia nanana lehilahy mpiady fito arivo sy valo alina, araky ny lisitry ny fianakavian'ny razamben'izy ireo.
[6]Ireo zanak'i Benjamina telo lahy dia i Bela, Bakera, ary Jediaela. [7]Ireo zanak'i Bela dimy lahy dia i Ezbona, Ozy, Oziela, Jerimota, ary Iry. Izy ireo dia miaramila sy fiandohan'ireo foko. Niisa 22, 034 ireo lehilahy mpiady, araky ny lisitry ny fianakavian'ny razamben'izy ireo.
[8]Ireo zanaka lahin'i Bakera dia i Zemira, Joasy, Eliezera, Elioenay, Omry, Jerimota, Abia, Anatota, ary Alameta. Ireo rehetra ireo dia zanany lahy. [9]Ny lisitry ny fokon'izy ireo dia miisa 20, 200 fianakaviana mpitarika sy lehilahy mpiady. [10]Ny zanaka lahin'i Jediaela dia i Bilana. Ireo zanaka lahin'i Bilana dia i Jeosy, Benjamina, Ehoda, Kenana, Zetana, Tarsisy ary Ahisahara.
[11]Ireo rehetra ireo no zanaka lahin'i Jediaela. Ireo voasoratra ao amin'ny lisitry ny fokon'izy ireo dia nisy mpitarika sy lehilahy mpiady 17, 200 lany ho amin'ny raharaha miaramila. [12](Ny zanaka lahin'Iry dia i Sopima sy Hopima, ary Hosima dia zanaka lahin'i Ahera.)
[13]Ny zanaka lahin'i Naftaly dia Jaziela, Gony, Jezera, ary Saloma. Ireo no zafikelin'i Bila.
[14]Nanana zanaka lahy nantsoina hoe Asriela i Manase, izay naterak'ilay Syriana vaditsindranony. Izy koa dia niteraka an'i Matira, rain'i Gileada. [15]Naka vady avy tamin'i Hopima sy Sopima i Makira. Imaka ny anaran'ny rahavaviny. Taranak'i Manase hafa koa i Zelofada, izay nanan-janaka vavy tokana. [16]Imaka vadin'i Makira, dia niteraka zaza lahy ary nantsoiny hoe Paresy. Ny anaran'ny rahalahiny dia Saresy, ary ireo zanany lahy dia i Olama sy Rakema.
[17]Ny zanaka lahin'i Olama dia Bedana. Ireo no taranak'i Gileada zanaka lahin'i Makira zanaka lahin'i Manase.
[18]Hamoleketa anabavin'i Gileada dia niteraka an'Isehoda, Abiezera, ary Mahala. [19]Ireo zanaka lahin'i Semida dia Ahiana, Sekema, Liky ary Aniama.
[20]Ireo taranak'i Efraima dia ireto manaraka ireto: Ny zanaka lahin'i Efraima dia i Sotela. Ny zanaka lahin'i Sotela dia Bareda. Ny zanaka lahin'i Bareda dia i Tahata. [21]Ny zanaka lahin'i Tahata dia Elada. Ny zanaka lahin'i Elada dia Tahata. Ny zanaka lahin'i Tahata dia Zabada. Ny zanaka lahin'i Zabada dia Sotela. (Ezera sy Elada dia novonoin'ireo lehilahin'i Gata, tompon-tany, rehefa nandeha nangalatra ny biby fiompiny izy ireo. [22]Nisaona ho azy ireo nandritry ny andro maro i Efraima rain'izy ireo, ary tonga nampahery azy ireo rahalahiny.
[23]Nandry niaraka tamin'ny vadiny izy. Nitoe-jaza izy ary niteraka zaza lahy. Nantsoin'i Efraima hoe Beria izy, satria nisy fahoriana tonga teo amin'ny fianakaviany. [24]Ny zanany vavy dia i Sera, izay nanorina an'i Beti-horona ambany sy ambony ary Ozena-sera.)
[25]Ny zanany lahy dia i Refa. Ny zanaka lahin'i Refa dia i Rasefa. Ny zanaka lahin'i Rasefa dia i Tela. Ny zanak'i Tela dia i Tahana. [26]Ny zanaka lahin'i Tahana dia i Ladana. Ny zanaka lahin'i Ladana dia i Amihoda. Ny zanaka lahin'i Ahimoda dia i Elisama. [27]Ny zanaka lahin'i Elisama dia i Nona. Ny zanaka lahin'i Nona dia i Josoa.
[28]Ireo fananana sy fonenan'izy ireo dia Betela sy ireo zana-bohiny manodidina azy. Izy ireo dia nihitatra hatrany atsinanan'i Narana sy tany andrefan'i Gazera sy ireo zana-bohiny, ary tany Sekema sy ireo zana-bohiny hatrany Gaza sy ireo zana-bohiny. [29]Teny amin'ny sisin-tanin'i Manase no nisy an'i Beti-sana sy ireo zana-bohiny, Tanaka sy ny zana-

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

bohiny, Megido sy ny zana-bohiny, ary Dora sy ireo zana-bohiny. Teny amin'ireo tanàn-dehibe ireo no nipetraka ireo taranak'i Josefa zanaka lahin'Israely.
[30]Ny zanaka lahin'i Asera dia Jimna, Jisva, Jisvy, ary Beria. Sera no anabavin'izy ireo. [31]Ny zanaka lahin'i Beria dia i Hebera sy Malkiela, izay rain'i Birzavita. [32]Ireo zanaka lahin'i Hebera dia i Jafleta, Somera, ary Hotama. Soha no anabavin'izy ireo.
[33]Ireo zanaka lahin'i Jafleta dia i Pasaka, Bimala, ary Asvata. Ireo no zanak'i Jafleta. [34]Somera, rahalahin'i Jafleta, dia nanana ireto zanaka lahy ireto: Rohaga, Hoba ary Arama. [35]Helema, rahalahin'i Semera, dia nanana ireto zanaka lahy ireto: Zofa, Jimna, Selesy, ary Amala.
[36]Ireo zanaka lahin'i Zofa dia i Soha, Harnefera, Soala, Bery, Jimra, [37]Bazera, Hoda, Sama, Silsa, Jitrana, ary Bera. [38]Ireo zanaka lahin'i Jatera dia Jefone, Pispa, ary Ara.
[39]Ireo zanaka lahin'i Ola dia Ara, Haniela, ary Rizia. [40]Ireo rehetra ireo no taranak'i Asera. Izy ireo no razamben'ny fokon'izy ireo, mpitarika ny fianakavian'izy ireo, lehilahy manan-danja, lehilahy mpiady, ary lehibe teo amin'ireo mpitarika. Enina arivo sy roa alina ny isan'ireo lehilahy izay lany hanao miaramila, araky ny isa anaty listr'izy ireo.

8 [1]Ireo zanaka dimy lahin'i Benjamina dia Bela lahimatoany, Asbela, Ahara, [2]Noha, ary Rafa. [3]Ireo zanaka lahin'i Bela dia Adara, Gera, Abihoda, [4]Abisoa, Namana, Ahoa, [5]Gera, Sefofana, ary Horama
[6]Ireto ny taranak'i Ehoda izay lohan'ny fianakavian'ny mponin'i Geba, izay voatery nifindra tany Manahata: [7]Namana, Ahia, ary Gera, izay nitarika azy ireo tamin'ny fifindran'izy ireo. Izy no rain'i Oza sy Ahihoda.
[8]Saharaima dia niteraka tany an-tanin'i Moaba, taorian'ny nisarahany am-panambadiana tamin'i Hosima sy Bara vadiny.
[9]Tamin'i Hodesy vadiny, no niterahan'i Saharaima an'i Jobaba, Ziba, Mesa, Malkama, [10]Jeoza, Sakia, ary Mirma. Ireo ny zanany lahy, mpitarika tao amin'ny fianakaviany. [11]Efa niteraka an'i Abitoba sy Elpala tamin'i Hosima ihany koa izy.
[12]Ny zanaka lahin'i Elpala dia Ebera, Misama, sy Samera (izay nanorina an'i Ono sy Loda ary ny zana-bohiny manodidina).
[13]Teo ihany koa i Beria sy Sema. Lohan'ireo fianakaviana nipetraka tany Aialona, izay nandroaka ny mponin'i Gata izy ireo.
[14]Ireto avy ny zanaka lahin'i Beria: Ahio, Sasaka, Jeremota, [15]Zebadia, Arada, Adera, [16]Mikaela, Jispa, ary Joha. [17]Ireto avy ny zanaka lahin'i Elplala: Zebadia, Mesolama, Hizky, Hebera, [18]Jismeray, Jizlia, ary Jobaba.
[19]Ireto avy ny zanaka lahin'i Simey: Jakima, Zikry, Zabdy, [20]Elienay, Ziletahy, Eliala, [21]Adaia, Beraia, ary Simrata.
[22]Ireto avy ny zanaka lahin'i Sasaka: Jispana, Hebera, Eliala, [23]Abdona, Zikry, Hanana, [24]Hanania, Elama, Antotia, [25]Jifdia, ary Penoela.
[26]Ireto ny zanaka lahin'i Jerohama: Samseray, Seharia, Atalia, [27]Jaresia, Elia, ary Zitry. [28]Ireo no lohan'ny fianakaviana sy mpitarika izay nipetraka tao Jerosalema.
[29]Ny razamben'i Gibeona, dia i Jehiela, izay antsoina hoe Imaka ny vadiny, dia nipetraka tao Gibeona. [30]Ny lahimatoany dia i Abdona, narahan'i Zora, Kisy, Bala, Nadaba, [31]Gedora, Ahio, ary Zakera.
[32]Zanaka lahin'i Jehiela hafa i Miklota, izay niteraka an'i Simea. Nipetraka teny akaikin'ny havany teny Jerosalema ihany koa izy ireo. [33]Nera dia rain'i Kisy. Kisy dia rain'i Saoly. Saoly dia rain'i Jonatana, Malkisoa, Abinadaba, ary Esbala.
[34]Meribala dia zanaka lahin'i Jonatana. Meribala dia rain'i Mika.
[35]Ny zanaka lahin'i Mika dia i Pitona, Maleka, Tarea, ary Ahaza. [36]Ahaza dia rain'i Joada. Joada dia rain'i Alemeta, Azmaveta, ary Zimry. Zimry dia rain'i Moza. [37]Moza dia rain'i Binea. Binea dia rain'i Rafa. Rafa dia rain'i Elasa. Elasa dia rain'i Azela.
[38]Nanan-janaka enina mirahalahy i Azela: Azrikama, Bokero, Isimaela, Searia, Obadia, ary Hanana. [39]Zanak'i Azela avokoa izy ireo. Ny zanaka lahin'i Eseka, rahalahiny, dia i Olama lahimatoany, Jeosy lahiaivo, ary Elifeleta fahatelo. [40]Lehilahy mpiady sy mpanipy tsipikà ireo zanaka lahin'i Olama. Nanana zanaka sy zafy maro izy ireo, 150 ny fitambarany. Ireo rehetra ireo dia anisan'ny taranak'i Benjamina.

9 [1]Ka dia voasoratra tao amin'ireo tetiarana ny Israely rehetra. Ary voasoratra tao amin'ny bokin'ireo mpanjakan'Israely izy ireo. Raha ny amin'i Joda, dia nalefa sesitany tany Babylona izy ireo nohon'ny fahotany. [2]Ny nonina voalohany tany amin'ny tanànan'izy ireo dia ny sasany tamin' ireo Israelita, ireo mpisorona, ireo levita, ary ireo mpanompon'ny tempoly.
[3]Ny sasany tamin'ireo taranak'i Joda, Benjamina, Efraima, ary Manase dia nitoetra tany Jerosalema.
[4]Ireo mpanorim-ponenana dia nahitana an'i Otahy zanaka lahin'i Amihoda zanaka lahin'i Omry zanaka lahin'Imry zanaka lahin'i Bany, iray amin'ireo taranak'i Fareza zanaka lahin'i Joda. [5]Teo amin'ireo Silonita dia i Asay ilay lahimatoa sy ireo zanany lahy. [6]Teo amin'ireo taranak'i Zera dia i Jeoela. Ny taranak'izy ireo dia niisa 690.
[7]Teo amin'ireo taranak'i Benjamina dia i Salo zanaka lahin'i Mesolama zanaka lahin'i Hodavia zanaka lahin'i Hasenoa.
[8]Teo ihany koa Jibnia zanaka lahin'i Jerohama; Elaha zanaka lahin'i Ozy zanaka lahin'i Mikry, ary Mesolama zanaka lahin'i Sefatia zanaka lahin'i Regoela zanaka lahin'i Jibnia. [9]Ireo havan'izy ireo izay voasoratra tao amin'ny lisitry ny tetiharana dia niisa 956. Ireo lehilahy rehetra ireo no mpitarika tamin'ny fokon'ny razambean'izy ireo.
[10]Ireo mpisorona dia i Jedaia, Joiariba, ary Jatina. [11]Teo ihany koa i Azaria zanaka lahin'i Hilkia zanaka lahin'i Mesolama zanaka lahin'i Zadoka zanaka lahin'i Meraiota zanaka lahin'i Ahitoba, ilay iray izay misahana ny tranon'Andriamanitra.
[12]Teo i Adaia zanaka lahin'i Jerohama zanaka lahin'i Pasora zanaka lahin'i Malkia. Teo ihany koa i Masay zanaka lahin'i Adiela zanaka lahin'i Jazera zanaka lahin'i Mesolama zanaka lahin'i Mesilemita zanaka lahin' Imera. [13]Ireo havan'izy ireo,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

izay mpitarika tao amin'ny fokon-drazamben'izy ireo dia niisa 1, 760. Tena lehilahy nahay tamin'ny asan'ny tranon'Adriamanitra izy ireo.
[14]Teo amin'ireo Levita, dia nisy an'i Semaia zanaka lahin'i Asoba zanaka lahin'i Azrikama zanaka lahin'i Asabia, teo amin'ireo taranak'i Merary. [15]Dia teo ihany koa i Bakbakara, Haresy, Galala, ary Matania zanaka lahin'i Mika zanaka lahin'i Zikry zanaka lahin'i Asafa. [16]Teo ihany koa Obadia zanaka lahin'i Semaia zanaka lahin'i Galala zanaka lahin'i Jedotona; ary Berekia zanaka lahin'i Asa zanaka lahin'i Elkana, izay nitoetra tany amin'ny vohitr'ireo Netotatita.
[17]Ireo mpiandry varavarana dia Saloma, Akoba, Talmona, Ahimana, ary ireo taranak'izy ireo. Saloma no mpitarika azy ireo. [18]Tany aloha dia nijoro niambina ny vavahadin'ny mpanjaka tany amin'ny sisiny atsinanana ho an'ny tobin'ireo taranak'i Levy izy ireo. [19]Saloma zanaka lahin'i Kore zanaka lahin'i Abiasafa, izay zanaka lahin'i Kora, sy ireo havany avy amin'ny ankohonan-drainy, ireo Koraita, no nisahana ny amin'ny asa fanompoana, niambina ny varavaran'ny trano lay izy ireo, araka ny efa niambenan'ireo razamben'izy ireo ny tobin'i Yaveh, ary efa niambina ny fidirana ihany koa izy ireo.
[20]Finehasa zanaka lahin'i Eleazara dia efa nisahana azy ireo taloha, ary nomba azy Yaveh. [21]Zakaria zanaka lahin'i Meselimia dia mpiambina ny fidirana amin'ny tempoly, ilay "trano lay fihaonana."
[22]Niisa 212 ireo rehetra izay voafidy ho mpiambina ny vavahady eo amin'ny fidirana. Ny anaran'izy ireo dia voatahiry tao amin'ny tahirin'anaran'ireo vahoaka tao an-tanànan'izy ireo. Davida sy Samoela mpahita dia efa nametraka azy ireo tamin'ny fitokisana. [23]Ka izy ireo sy ny zanak'izy ireo no niambina ireo vavahadin'ny tranon'i Yaveh, ilay tabernakely.
[24]Ireo mpiambina vavahady dia napetraka tany amin'ireo sisiny efatra rehetra, mankany atsinanana, andrefana, avaratra, ary atsimo.
[25]Ireo rahalahan'izy ireo, izay nitoetra tany amin'ny tanànan'izy ireo, dia nifandimby tao, isan-kafitoana. [26]Fa ireo mpitarika efatry ny mpiambina ny vavahady, izay Levita, dia notendrena mba hiambina ireo efitra sy ireo trano fitahirizam-bokatra tao an-tranon' Andriamanitra. [27]Nandany ny alina teo amin'ny toerana manodidina ny tranon'Andriamanitra rehetra izy ireo, satria tompon'andraikitra amin'ny fiambenana izany. Ary hamoha izany isa-maraina izy ireo.
[28]Ny sasany tamin'izy ireo dia nisahana ny fitaovan'ny tempoly; nanisa ireo fanaka izy ireo rehefa nampidirina sy navoaka ireo. [29]Maro tamin'izy ireo ihany koa no voatendry hikarakara ireo zavatra masina, ny fitaovana, sy ireo vatsy, anisan'izany ny koba tsara toto, ny divay, ny diloilo, sy didin-kazo mamerovero, ary ireo zava-manitra.
[30]Ny sasany tamin'ireo zanaka lahin'ny mpisorona dia nanafangaro ireo zava-manitra. [31]Matatia, iray tamin'ireo Levita, izay lahimatoan'i Saloma Koraita, no nisahana ny fikarakarana ny mofo ho amin'ireo fanatitra. [32]Ny sasany tamin'ny rahalahin'izy ireo, taranaky ny Kehatita, no nisahana ny mofon'ny fanatrehana, mba hikarakara izany isakin'ny Sabata.
[33]Ireo mpihira sy ireo mpitarika ny fianakavian'ny Levita dia nitoetra tao amin'ny efitrano masina rehefa tsy miasa izy ireo, satria tsy maintsy nanatanteraka ireo raharaha nomena andro aman'alina. [34]Ireto avy ireo mpitarika ny fianakaviana teo amin'ireo Levita, izay voatanisa tao amin'ny tahirin-tetiaran'izy ireo. Nitoetra tany Jerosalema izy ireo.
[35]Ny razamben'ny any Gibeona, Jeiely, izay atao hoe Imaka ny anaram-badiny, dia nitoetra tany Gibeona. [36]Abdona no lahimatoany, avy eo ireo zanany lahy Zora, Kisy, Bala, Nera, Nadaba, [37]Gedora, Ahio, Zakaria, ary Miklota.
[38]Miklota no rain'i Simeama. Nitoetra tany akaikin'ireo rahalahiny tany Jerosalema ihany koa izy ireo. [39]Nera no rain'i Kisy. Kisy no rain'i Saoly. Saoly no rain'i Jonatana, Malkisoa, Abinadaba, ary Esbala. [40]Meribala no zanaka lahin'i Jonatana. Ary Meribala no rain'i Mika.
[41]Ireo zanaka lahin'i Mika dia Pitona, Maleka, Tarea, ary Ahaza. [42]Ahaza no rain'i Jara. Jara no rain'i Alemeta, Azmaveta, ary Zimry. Zimry no rain'i Moza. [43]Moza no rain'i Binea. Binea no rain'i Refaia. Refaia no rain'i Elasa. Elasa no rain'i Azela.
[44]Ireo zanaka lahy enin'i Azela dia Azrikama, Bokero, Isimaela, Searia, Obadia, ary Hanana. Ireo no zanaka lahin'i Azela.

10 [1]Ary ireo Filistina niady tamin'Israely. Nitsoaka teo anatrehan'i Filistina ny lehilahin'Israely rehetra ary niampatra maty teny an-tendrombohitra Gilboa. [2]Nanenjika akaiky an'i Saoly sy ny zanany lahy ireo Filistina. Novonoin'ireo Filistina i Jonatana, Abinadaba, sy Malkisoa, zanany lahy. [3]Navesatra tamin'i Saoly ny ady, ary nahatratra azy ireo mpandefa tsipìka. Tao anaty fanaintainana mafy izy noho ireo mpandefa tsipìka.
[4]Dia hoy Saoly tamin'ny mpitondra ny fiadiany hoe: "Avoahy ny sabatrao ka trobaro amin'izany aho. Raha tsy izany dia ho avy hanararaotra ahy ireo tsy voafora ireo." Nefa tsy nanaiky ny mpitondra ny fiadiany, satria natahotra mafy izy. Ka dia nalain'i Saoly ny sabany ary lavo teo amin'izany izy.
[5]Rehefa hitan'ny mpitondra ny fiadiany fa maty Saoly, dia lavo tamin'ny sabany tahaka izany koa izy ka maty. [6]Dia maty Saoly, sy ireo zanany telo lahy, ka dia niara-maty ireo ankohonany rehetra.
[7]Rehefa hitan'ny lehilahin'Israely rehetra teny an-dohasaha fa efa nandositra izy ireo, ary maty Saoly sy ireo zanany lahy, dia nandao ny tanànany izy ireo ary nandositra. Dia tonga ireo Filistina ary nonina teo amin'izy ireo. [8]Ary ny ampitso, rehefa tonga naka ny maty ireo Filistina, dia nahita an'i Saoly sy ireo zanany lahy lavo teo an-tendrombohitra Gilboa.
[9]Nendahan'izy ireo izy ary nentiny ny lohany sy ny fiadiany. Naniraka mpitondra hafatra nanerana an'i Filistina mba hitondra ireo vaovao teo amin'ireo sampy sy teo amin'ny vahoaka izy ireo. [10]Napetrak'izy ireo tao an-tempolin'ny andriamitr'izy ireo ny fiadiany, ary nofatoran'izy ireo tao an-tempolin'i Dagona ny lohany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Rehefa nandre ny rehetra izay nataon'ireo Filistina tamin'i Saoly ny vahoakan'i Jabesa-gileada rehetra, [12]dia nandeha ny lehilahy mpiady rehetra ary naka ny fatin'i Saoly sy ny an'ireo zanany lahy, ary nitondra ireo tany amin'i Jabesy. Nalevin'izy ireo tao ambanin'ny hazo terebinta ny taolan'izy ireo ka nifady hanina hafitoana izy ireo.
[13]Ary maty Saoly satria tsy nahatoky an'i Yaveh izy. Tsy nankatoa ireo didin'i Yaveh izy, fa naka torohevitra tamin'ny olona izay niresaka tamin'ny maty. [14]Tsy nitady torolalana tamin'i Yaveh izy, ka dia novonoin'i Yaveh ary nafindrany tamin'i Davida zanaka lahin'i Jese ny fanjakana.

11 [1]Dia tonga tany amin'i Davida tao Hebrona ny Israely rehetra ary niteny hoe: "Indro, nofonao sy taolanao izahay. [2]Vao tsy ela akory, raha nanjaka teo aminay Saoly, dia ianao no nitarika ny tafika Israelita. Yaveh Andriamanitrao niteny taminao hoe: 'Ho mpiandry an'Israely vahoakako ianao, ary ianao no ho tonga mpanapaka eo amin'Israely vahoakako.'"
[3]Noho izany dia tonga tany amin'ny mpanjakan'Israely tao Hebrona ireo loholon'Israely rehetra, ary Davida nanao fanekena tamin'izy ireo teo anoloan'i Yaveh. Nanosotra an'i Davida ho mpanjakan'Israely izy ireo. Tamin'izany fomba izany, dia tanteraka ny tenin'i Yaveh izay nambaran'i Samoela.
[4]Nandeha tany Jerosalema i Davida sy ny Israely rehetra (izany dia, Jebosa). Ary ireo Jebosita, mponina tao amin'ny tany, no teo. [5]Hoy ireo mponina tao Jebosa tamin'i Davida hoe: "Tsy ho tonga eto ianao." Fa Davida naka ny fiarovana mafin'i Ziona, izay, ny tanànan'i Davida. [6]Hoy Davida hoe: "Na iza na iza manafika ireo Jebosita voalohany dia ho tonga mpifehy." Koa Joaba zanaka lahin'i Zeroia no nanafika voalohany, ary dia natao ho mpifehy izy.
[7]Ary nanomboka nonina tao amin'ilay fiarovana mafy i Davida. Ka dia nantsoin'izy ireo hoe tanànan'i Davida izany.
[8]Nanamafy ny tanàna manodidina izy nanomboka tany Milo hatrany amin'ny rindrina manodidina. Namafisin'i Joaba ny sisa ambiny tamin'ny tanàna. [9]Tonga lehibe dia lehibe i Davida satria nomba azy Yaveh tompon'ny maro.
[10]Ireto avy ireo mpitarika nananan'i Davida, izay nampiseho ny tenan'izy ireo ho natanjaka niaraka taminy teo amin'ny fanjakany, niaraka tamin'ireo Israely rehetra, mba hanao azy ho mpanjaka, nankatoa ny tenin'i Yaveh mahakasika an'Israely. [11]Ity no lisitr'ireo miaramila sangan'i Davida: Jasobeama, ilay zanaka lahin'i Hakmony, no mpifehy ny telo-polo. Namono telon-jato lahy tamin'ny lefony tanaty ady iray izy.
[12]Ny nanaraka azy dia i Eleazara zanaka lahin'i Dodo, ilay Ahohita, izay iray tamin'ireo telo lahy mahery. [13]Niaraka tamin'i Davida izy tao Efesa-damina, ary tany ireo Filistina no nitambatra ho amin'ny ady, izay nisy ny saham-bary hordea sy ireo tafika nandositra avy tany Filistina. [14]Nitsangana teo afovoan'ny saha izy ireo. Niaro izany izy ireo ary nandringana ireo Filistina ary Yaveh nanavotra azy ireo tamin'ny fandresena lehibe.
[15]Avy eo telo tamin'ireo telo-polo mpitarika no nidina ho any amin'ny vatolampy tany amin'i Davida, tao amin'ny zohin'i Adolama. Ny tafik'ireo Filistina dia nitoby tao amin'ny Lohasahan'i Refaita. [16]Tamin'izany ora izany Davida dia tao amin'ny fiarovana mafiny, zohy iray, raha nitoby tao Betlehema ireo Filistina. [17]Naniry rano Davida ka nanao hoe: "Raha mba misy olona manome rano ahy ho sotroina avy ao amin'ny lava-drano ao Betlehema, ilay lava-drano izay akaikin'ny vavahady!"
[18]Koa dia namakivaky teo amin'ny tafik'ireo Filistina ireo lehilahy mahery telo ary nanovo rano avy tao amin'ny lava-dranon'i Betlehema, ilay lava-drano teo amin'ny vavahady. Ary naka ny rano izy ireo ka nitondra izany ho any amin'i Davida, saingy nandà ny hisotro izany izy. Fa kosa, nararany ho an'i Yaveh izany. [19]Ary hoy izy hoe: "Sanatria amiko ny hisotro izany, ry Yaveh. Tokony hisotro ny ràn'ireo lehilahy izay nanao vy very ny ain'izy ireo ve aho?" Satria nanao vy very ny ainy izy ireo, nandà ny hisotro izany izy. Izany no zavatra nataon'ireo lehilahy mahery telo.
[20]Abisay rahalahin'i Joaba, no kapiteny teo amin'izy telo. Ary nampiasa ny lefony indray mandeha izy teo amin'ny olona telo-jato ary namono azy ireo. Nalaza niaraka tamin'ireo Telo izy. [21]Tamin'ireo Telo, dia izy no nomem-boninahitra avo roa heny ary lasa kapitenin'izy ireo. Na dia tsy anisan'izy ireo aza izy.
[22]Benaia zanaka lahin'i Joiada dia lehilahy natanjaka izay nanao asa lehibe. Izy no namono ireo roa lahy zanak'i Ariela avy any Moaba. [23]Nidina tao amin'ny lavaka ihany koa izy ary namono liona raha nilatsaka ny oram-panala. Namono Egyptiana iray aza izy, lehilahy dimy hakiho ny halavany. Ilay Egyptiana nanana lefona tahaka ny andrin'ny mpanenona, nefa tehina ihany no nentiny nidina teo aminy. Nisambotra ny lefona teny an-tanan'ilay Egyptiana izy ary namono azy tamin'ny lefony ihany.
[24]Benaia zanaka lahin'i Joiada no nanao ireo asa lehibe ireo, ary nalaza toy ireo telo lahy mahery izy. [25]Tamin'ny ankapobeny dia izy no be voninahitra mihoatra noho ireo miaramila telo-polo. Nefa tsy nanam-boninahitra firy izy mihoatra ireo miaramila telo lahy tena sangany. Nefa napetrak'i Davida hiandraikitra ny fiambenana azy manokana izy.
[26]Ireo lehilahy mahery dia Asahela rahalahin'i Joaba, Elanana zanak'i Dodo avy any Betlehema, [27]Samota ilay Harorita, Haleza ilay Pelonita, [28]Ira zanaka lahin'Ikesy ilay Tekoita, Abiezera ilay Anatotita, [29]Sibekay ilay Hosatita, Ely ilay Ahohita, [30]Maharay ilay Netofatita, Heleda zanaka lahin'i Bana ilay Netofatita, [31]Itahy zanaka lahin'i Ribay avy tao Gibean'ny taranak'i Benjamina, Benaia ilay Piratnita, [32]Horay any amin'ny lohasahan-driak'i Gasy, Abiela ilay Arbatita, [33]Azmaveta ilay Baharomita, Eliaba ilay Salbonita,
[34]ireo zanaka lahin'i Hasema ilay Gizonita, Jonatana zanaka lahin'i Sage ilay Hararita, [35]Ahiama zanaka lahin'i Sakara ilay Hararita, Elifala zanaka lahin'i Ora, [36]Hefera ilay Mekeratita, Ahia ilay Pelonita, [37]Hezro ilay Karmelita, Naray zanaka lahin'i Ezbay,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[38]Joela rahalahin'i Natana, Mibara zanaka lahin'i Hagry, [39]Zaleta ilay Amonita, Naharay ilay Berotita (ilay mpitondra ny fiarovan'i Joaba zanaka lahin'i Zeroia), [40]Ira ilay Jitrita, Gareba ilay Jitrita, [41]Oria ilay Hetita, Zabada zanaka lahin'i Ahelay, [42]Adina zanaka lahin'i Siza ilay Robenita (lehiben'ny Robenita) ary telo-polo lahy niaraka taminy, [43]Hanana zanaka lahin'i Maka, sy Josafata ilay Mitnita, [44]Ozia ilay Astartita, Sama sy Jeiela zanaka lahin'i Hotama ilay Aroerita,
[45]Jediaela zanaka lahin'i Simry, Joha (ilay Tizita rahalahiny), [46]Eliala ilay Mahavita, Jeribay sy Josavia zanaka lahin'i Elnama, Jitma ilay Moabita, [47]Eliala, Obeda, ary Jasiela ilay Mezobaita.

12 [1]Ireto avy ireo lehilahy izay tonga tany amin'i Davida tao Ziklaga, raha mbola voaroaka tamin'ny fanatrehan'i Saoly zanaka lahin'i Kisy izy. Isan'ireo miaramila izy ireo, mpanampy azy an'ady. [2]Nirongo tsipìka izy ireo ary afaka nampiasa ny tanany an-kavanana sy an-kavia tamin'ny antsamon-tady sy tamin'ny fitifirana amin'ny tsìpika. Benjamita izy ireo, mpiray foko tamin'i Saoly.
[3]Ahiezera no lehibe, avy eo Joasy, samy zanaka lahin'i Sema ilay Gibeatita izy ireo. Nahitana an'i Jeziela sy Peleta, zanaka lahin'i Azmaveta. Nahitana ihany koa an'i Beraka, Jeho ilay Anatotita, [4]Jismaia ilay Gibeonita, anisan'ireo miaramila telo-plo (ary mpifehy ireo telo-polo); Jeremia, Jahaziela, Johanana, Jozababa ilay Gaderatita,
[5]Elozay, Jerimota, Bealia, Semaria, Sefatia ilay Harofita,[6]ireo Koraita Elkana, Jisia, Azarela, Joezera, Jasobeama, ary [7]Joela sy Zebadia, zanaka lahin'i Jehorama avy any Gedora.
[8]Nisy Gadita sasany nanatona an'i Davida tao amin'ny fiarovana mafy tany an'efitra. Lehilahy mpiady izy ireo, lehilahy voahofana ho amin'ny ady, izay afaka mivimbina ampinga sy lefona; ny tavan'izy ireo dia masiaka tahaka ny tavan'ny liona. Haingam-pandeha tahaka ny gazela eny an-tendrombohitra izy ireo.
[9]Nisy an'i Ezera ilay mpitarika, Obadia no faharoa, Eliaba no fahatelo, [10]Mismana no fahefatra, Jeremia no fahadimy,
[11]Atahy no fahenina, Eliala no fahafito, [12]Johanana no fahavalo, Elizabada no fahasivy, [13]Jeremia no fahafolo, Makbanay no fahiraika ambin'ny folo.
[14]Ireo zanaka lahin'i Gada ireo no mpitari-tafika. Ny ambany indrindra nitarika an-jatony, ary ny ambony indrindra nitarika an'arivony. [15]Niampita an'i Jordana izy ireo tamin'ny volana voalohany, rehefa nandifotra ny morony izany, ka nandroaka ny zava-manan'aina rehetra tamin'ireo lohasaha, na ny mankany atsinana na ny mankany andrefana.
[16]Ny sasany tamin'ireo lehilahin' i Benjamina sy Joda dia tonga tao amin'ny fiarovana tao amin'i Davida. [17]Nivoaka mba hitsena azy ireo Davida ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Raha tonga amim-pilaminana aty amiko mba hanampy ahy ianareo, dia afaka manatona ahy. Fa raha avy mba hamadika ahy amin'ny fahavaloko, dia aoka anie ny Andriamanitry ny razambentsika hijery ka hamaly anareo, satria tsy nanao ratsy aho."
[18]Avy eo ilay Fanahy tonga tao amin'i Amasay, izay mpitarika ny telo-polo. Hoy Amasay hoe: "Izahay dia anao, ry Davida. Izahay dia miandany aminao, ry zanaka lahin'i Jese. Fiadanana, fiadanana anie ho amin'izay manampy anao. Fiadanana anie ho amin'ireo mpanampinao, satria ny Andriamanitrao dia manampy anao." Dia nandray azy ireo Davida ary nanao azy ireo ho mpifehy ny lehilahiny.
[19]Ny sasany avy tamin'i Manase ihany koa dia niala mba hanatona an'i Davida raha niaraka tamin'ireo Filistina mba hiady amin'i Saoly izy. Nefa tsy nanampy ireo Filistina izy ireo, satria nifampidinika ireo tompon'i Filistina ka nampandeha an'i Davida. Hoy izy ireo hoe: "Hiala ho any amin'i Saoly tompony izy ka hampidi-doza ny fiainantsika."
[20]Rehefa nankany Ziklaga izy, ny lehilahin'i Manase izay nanatona azy dia i Adna, Jozabada, Jediaela, Mikaela, Jozabada, Eliho, Ziletahy, kapitenin'ny arivon'i Manase.
[21]Nanampy an'i Davida niady tamin'ireo an-tokony mpijirika izy ireo, satria lehilahy mpiady izy ireo. Taty aoriana dia lasa mpifehy teo amin'ny tafika izy ireo. [22]Isan'andro, dia tonga tany amin'i Davida ireo lehilahy mba hanampy azy, mandra-pisian'ny tafika lehibe, tahaka ny tafik'Andriamanitra.
[23]Ity no tahirin-tantaran'ireo miaramila nitam-piadiana ho amin'ny ady, izay tonga tany amin'i Davida tao Hebrona, mba hanodina ny fanjakan'i Saoly ho azy, izay nanatanteraka ny tenin'i Yaveh. [24]Tamin'i Joda dia 6. 800 ireo mpitàna ampinga sy lefona no voaomana hiady. [25]Nisy lehilahy mpiady 7. 100 avy tamin'ireo Simeonita.
[26]Nisy lehlahy mpiady 4. 600 avy tamin'ireo Levita. [27]Joiada no mpitarika ny taranak'i Arona, ary 3. 700 no niaraka taminy.
[28]Mpitarika roa amby roa-polo avy amin'ny fianakavian-drainy no niaraka tamin'i Zadoka, tovolahy, mahery, sy lehilahy be herim-po.
[29]Avy tamin'i Benjamina, fokon'i Saoly, dia nisy telo arivo. Ny ankamaroan'izy ireo dia mbola nijanona ho mpomba an'i Saoly hatramin'izao fotoana izao. [30]Nisy lehilahy mpiady 20. 800 avy tamin'ireo Efraimita, lehilahy nalaza teo amin'ny fianakavian'ny razamben'izy ireo. [31]Avy tamin'ny antsasa-pokon'i Manase dia nisy lehilahy malaza valo arivo sy iray alina izay tonga mba hanao an'i Davida ho mpanajaka.
[32]Avy tamin'Isakara, dia nisy lehilahy mpitarika roanjato izay nanana fahazavan-tsaina tamin'izany fotoana izany ary nahalala izay tsy maintsy ataon'Israely. Ireo havany rehetra dia teo ambany fifehezan'izy ireo. [33]Nisy lehilahy mpiady dimy alina avy tamin'i Zebolona, nomanina ho amin'ny ady, niaraka tamin'ny fitaovam-piadiana rehetra, ary vonona ny hanome tsy fivadihana azo antoka.
[34]Nisy manamboninahitra arivo avy tamin'i Naftaly, ary lehilahy mpitàna ampinga sy lefona fito arivo sy telo alina niaraka tamin'izy ireo. [35]Avy tamin'ireo Danita dia nisy lehilahy 28. 600 voahomana ho amin'ny ady.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[36]Nisy lehilahy efatra alina voahomana ho amin'ny ady avy tamin'i Asera. [37]Avy tamin'ny an-dafin'i Jordana, avy tamin'ireo Robenita, Gadita, ary ny antsasa-pokon'i Manase, dia nisy lehilahy 120. 000 izay nirongo ireo karazam-pitaovam-piadiana rehetra ho amin'ny ady.
[38]Ireo miaramila rehetra, vonona ho amin'ny ady ireo, dia tonga tany Hebrona niaraka tamin'ny fikasana raikitra ny amin'ny hanaovana an'i Davida ho mpanjaka manerana an'Israely rehetra. Ny sisa rehetra tamin'Israely dia nifanaiky ny hanao an'i Davida ho mpanjaka ihany koa. [39]Niaraka tamin'i Davida tao telo andro izy ireo, nihinana sy nisotro, satria ny havan'izy ireo dia efa nampitondra vatsy ho azy. [40]Fanampin'izany, ireo izay teo akaikin'izy ireo, hatrany Isakara sy Zebolona ary Naftaly, dia nitondra mofo tamin'ny boriky, rameva, ampondra, sy omby, ary mofo aviavy, voaloboka maina, divay, menaka, omby, ary ondry, satria nifaly ny Israely.

13 [1]Davida dia niresaka tamin'ireo mpifehy ny arivo sy zato, niaraka tamin'ny mpitarika rehetra. [2]Hoy Davida tamin'ny vondron-tafik'Israely rehetra hoe: "Raha tsara aminareo, ary raha avy amin'i Yaveh Andriamanitsika izany, dia aoka isika handefa mpitondra hafatra eny rehetra eny any amin'ireo rahalahintsika izay mitoetra any amin'ireo faritr'Israely rehetra, ary any amin'ireo mpisorona sy ireo Levita izay ao amin'ireo tanànan'izy ireo. Aoka izy ireo ho lazaina mba hiaraka amintsika. [3]Ndeha isika hamerina amintsika ny fiaran'ny Andriamanitsika, satria tsy nitady ny sitrapony isika tamin'ireo andron'ny fanjakan'i Saoly." [4]Ny vondron-tafika rehetra dia nanaiky hanao ireo zavatra ireo, satria toa marina teo imason'ny olona rehetra ireo.
[5]Koa nangonin'i Davida hiaraka ny Israely rehetra, hatrany amin'i Onin'i Sihora any Egypta ka hatrany Lebo Hamata, mba hitondra ny fiaran'Andriamanitra avy any Kiriata Jearima. [6]Niakatra nankany Bala i Davida sy ny Israely rehetra, izany hoe, Kiriata Jearima, izay an'i Joda, mba hitondra ny fiaran'Andriamanitra avy any, izay nantsoina tamin'ny anaran'i Yaveh, dia Yaveh, izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana eo amin'ny Kerobima.
[7]Noho izany dia napetrak'izy ireo teo ambony sarety vaovao ilay fiaran'Andriamanitra. Navoakan'izy ireo avy tao amin'ny tranon'i Abinada izany. Oza sy Ahio no nitondra ilay sarety. [8]Davida sy ny Israely rehetra dia nankalaza teo anatrehan'Andriamanitra tamin'ny herin'izy ireo rehetra. Nihira niaraka tamin'ny lokanga, ampongatapaka, kipantsona, ary trompetra izy ireo.
[9]Rehefa tonga teo amin'ny tany famoloan'i Kidona izy ireo, dia naninjitra ny tanany hihazona an'ilay fiara i Oza, satria nianjera ny omby. [10]Dia nirehitra tamin'i Oza ny hatezeran'i Yaveh, ary novonoin'i Yaveh izy satria naninjitra ny tanany tamin'ilay fiara i Oza. Maty teo anatrehan'Andriamanitra teo izy. [11]Tezitra Davida satria namely an'i Oza i Yaveh. Nantsoina hoe Pereza Oza izany toerana izany mandrak'androany.
[12]Natahotra an'Andriamanitra i Davida tamin'izany andro izany. Hoy izy hoe: "Ahoana no fomba hitondrako ny fiaran'Andriamanitra aty amiko?" [13]Ka tsy nanetsika ny fiara ho any amin'ny tanànan'i Davida i Davida, fa nametraka izany teo akaikin'ny tranon'i Obeda Edoma ilay Getita. [14]Dia nijanona tao amin'ny tokantranon'i Obeda Edoma nandritry ny telo volana ilay fiaran'Andriamanitra. Noho izany dia nitahy ny ankohonany sy izay rehetra nananany i Yaveh.

14 [1]Ary Hirama mpanjakan'i Tyro nandefa mpitondra hafatra tany amin'i Davida, sy hazo sedera, mpandrafitra, ary mpanao trano. Nanorina trano ho azy izy ireo. [2]Davida dia nahafantatra fa Yaveh no efa nametraka azy ho mpanjaka teo amin'Israely, ary ny fanjakany dia nasandratra ambony nohon'ny amin' Israely olony.
[3]Tao Jerosalema, dia naka vady maro Davida, ary niteraka zanaka lahy sy zanaka vavy maro izy. [4]Ireto avy ny anaran' ireo zanaka naterany tany Jerosalema: Samoa, Sobaba, Natana, Solomona, [5]Jibara, Elisoa, Elipeleta, [6]Noga, Nafega, Jafia, [7]Elisama, Beliada ary Elifeleta.
[8]Ary rehefa ren'ireo Filistina fa efa nohosorana ho mpanjakan'Israely rehetra Davida, dia nivoaka nitady azy izy rehetra. Nefa ren'i Davida izany ka nivoaka hanohitra azy ireo izy. [9]Ary tonga ireo Filistina ka nanao fanafihana teny amin'ny Lohasahan'ny Refaïta.
[10]Avy eo Davida nangataka fanampiana tamin'Andriamanitra. Hoy izy hoe: "Tokony hiakatra hanafika ireo Filistina ve aho? Hanome fandresena eo amin'izy ireo ve ianao?" Dia hoy Yaveh taminy hoe: "Tafiho, fa tena hanome azy ireo ho anao Aho." [11]Dia niakatra nankao Bala-perazima izy ireo, ary tao no nandreseny azy ireo. Naneho hevitra izy hoe: "Ny tanako no namakian'i Yaveh ny fahavaloko hiparitaka toy ny tondra-drano." Ka lasa Bala-perazima no anaran'izany toerana izany. [12]Navelan'ireo Filistina teo ireo andriamaniny, ary nanome didy Davida fa tokony dorana ireo.
[13]Ary nanafika ny lohasaha indray ny Filistina. [14]Dia nangataka fanampiana tany amin'Andriamanitra indray Davida. Hoy Andriamanitra taminy hoe: "Tsy tokony hanafika azy ireo eo anoloana ianao, fa kosa hiodidina ao aorian'izy ireo ary ho tonga eo amin'izy ireo avy eo amin'ireo hazo balsama.
[15]Rehefa renao ny feon'ny dia-be amin'ny fitsokan'ny rivotra avy eo amin'ireo tendron'ny hazo balsama, dia manafiha amin-kery. Manaova izany satria Andriamanitra efa hialoa lalana anao hanafika ny tafik'ireo Filistina." [16]Ka nataon'i Davida izay nandidian'Andriamanitra azy. Nandresy ny tafik'ireo Filistina tany Gibeona hatrany Gazera izy. [17]Ary ny lazan'i Davida dia niely teo amin'ny tany rehetra, ary nahatonga ny firenena rehetra hatahotra azy Yaveh.

15 [1]Ary Davida nanamboatra trano ho azy tao an-tanànan'i Davida. Nanomana toerana ho an'ny fiaran'Andriamanitra ary nanangana lay ho an'izany izy. [2]Dia hoy Davida hoe: "Ireo Levita ihany no afaka mitondra ny fiaran'Andriamanitra, fa izy ireo no voafidin'i Yaveh mba hitondra ny fiaran'i Yaveh, sy hanompo Azy mandrakizay." [3]Dia novorian'i Davida tao Jerosalema ny Israely rehetra, mba hampiakatra ny fiaran'i Yaveh any amin'ny toerana efa nomaniny ho an'izany.
[4]Novorian'i Davida niaraka ireo taranak'i Arona sy ireo Levita. [5]Tamin'ireo taranak'i Kehata, dia nisy an'i Oriela mpitarika sy ireo havany, lehilahy 120. [6]Tamin'ireo taranak'i Merary, dia nisy an'i Asaia mpitarika sy ireo havany, lehilahy 220.
[7]Tamin'ireo taranak'i Gersona, dia nisy an'i Joela mpitarika sy ireo havany, lehilahy 130. [8]Tamin'ireo taranak'i Elizafana, dia nisy an'i Semaia mpitarika sy ireo havany, lehilahy 200. [9]Tamin'ireo taranak'i Hebrona, dia nisy an'i Eliala mpitarika sy ireo havany, lehilahy valopolo. [10]Tamin'ireo taranak'i Oziela, dia nisy an'i Aminadaba mpitarika sy ireo havany, lehilahy 112.
[11]Niantso an'i Zadoka sy Abiatara mpisorona, ary ireo Levita Oriela, Asaia, Joela, Semaia, Eliala, ary Aminadaba i Davida.
[12]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Ianareo no lohan'ireo fianakavian'ny Levita. Hamasino ny tenanareo, dia ianareo sy ireo rahalahinareo, mba hafahanareo mampiakatra ny fiaran'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, ho any amin'ny toerana izay efa nomaniko ho an'izany.
[13]Tsy nitondra izany ianareo tamin'ny voalohany. Izany no antony namaizan'i Yaveh Andriamanitsika antsika, satria tsy nitady Azy na nankatoa ny lalàny isika." [14]Noho izany dia nanamasin-tena ireo mpisorona sy ireo Levita mba hafahan'izy ireo mampiakatra ny fiaran'i Yaveh, ilay Andriamanitr' Israely. [15]Dia nolanjain'ireo Levita teo an-tsorok'izy ireo tamin'ny bao ilay fiaran'Andriamanitra, araka izay efa nandidian'i Mosesy—manaraka ireo fitsipika nomena avy tamin'ny tenin'i Yaveh.
[16]Niresaka tamin'ireo mpitarika ny Levita i Davida mba hanendry ny rahalahin'izy ireo ho mpihira amin'ireo zava-maneno, valiha, lokanga sy kipantsona, hanandratra mafy sy am-pifaliana ny feon'izy ireo. [17]Dia notendren'ireo Levita i Hemana zanaka lahin'i Joela sy ny iray tamin'ireo rahalahiny, dia i Asafa zanaka lahin'i Berekia. Nanendry havana avy amin'ireo taranak'i Merary sy Etana zanaka lahin'i Kosaia ihany koa izy ireo. [18]Niaraka tamin'izy ireo koa ny havana akaiky manarakaraka azy ireo: Zakaria, [1]Jaziela, Semiramota, Jehiela, Ony, Eliaba, Benaia, Mahaseia, Matitia, Elifeleho, Mikneia, Obed-edoma, ary Jeiela, ireo mpiandry vavahady.
[19]Hemana, Asafa, ary Etana mpihira dia notendrena mba hitendry mafy kipantsona varahina. [20]Zakaria, Aziela, Semiramota, Jehiela, Ony, Eliaba, Mahaseia, ary Benaia no nitendry ireo valiha, tamin'ny Alamota. [21]Matitia, Elifeleho, Mikneia, Obed-edoma, Jeiela, ary Azazia no nitari-dalana tamin'ny harpa tamin'ny Seminita.
[22]Kenania, mpitarika ireo Levita, izy no tonian'ny fihiràna satria mpampianatra hira izy. [23]Berekia sy Elkana no mpiambina ny fiara. [24]Sebania, Josafata, Netanela, Amasay, Zakaria, Benaia, ary Eliezera, ireo mpisorona, no nitsoka ireo trompetra teo alohan'ny fiaran'Andriamanitra. Obed-edoma sy Jehia no mpiambina ny fiara.
[25]Ary Davida, ireo loholon'Israely, sy ireo mpifehy ny an'arivony dia nandeha nampiakatra ilay fiaran'ny faneken'i Yaveh avy tao an-tranon'i Obed-edoma tamim-pifaliana. [26]Ary Andriamanitra raha nanampy ireo Levita izay nilanja ny fiaran'ny faneken'i Yaveh, dia nanao sorona omby fito sy ondrilahy fito izy ireo.
[27]Nanao akanjo vita tamin'ny rongony fotsy madinika i Davida, tahaka ireo Levita izay nilanja ny fiara, ireo mpihira, ary Kenaia, ilay mpitarika ny hira mbamin'ireo mpihira. Niakanjo efoda rongony fotsy i Davida. [28]Ka dia nampiakatra ny fiaran'ny faneken'i Yaveh tamin'ny hiakam-pifaliana, sy tamin'ny feon-tandroka, tamin'ny kipantsona, ary tamin'ny valiha sy harpa ny Israely rehetra.
[29]Nefa raha tonga tao an-tanànan'i Davida ny fiaran'ny faneken'i Yaveh, dia nitazana teo am-baravarankely i Mikala zanaka vavin'i Saoly. Nahita an'i Davida mpanjaka nandihy sy nankalaza izy. Avy eo nanao tsinontsinona azy tao am-pony izy.

---

[1]Fanamarihana: Ireo fandikana taloha sasany dia manampy anarana na tovona hoe: "bena", mety heverina ho anaran-drain'i Zakaria izay tsy voasoratra.

---

16 [1]Dia nentin'izy ireo niditra ilay fiaran'Andriamanitra ary napetrak'izy ireo teo afovoan'ny lay izay nataon'i Davida ho an'izany. Avy eo nanolotra fanatitra dorana sy fanati-pihombonana teo anatrehan'Andriamanitra izy ireo. [2]Rehefa vitan'i Davida ny soron'ny fanatitra dorana sy ny fanati-pihombonana, dia nitahy ny vahoaka tamin'ny anaran'i Yaveh izy.
[3]Nizarazara mofo, sombin-kena, ary mofo mamy misy voaloboka tamin'ireo Israelita rehetra, na lahy na vavy izy.
[4]Nanendry Levita sasantsasany mba hanompo eo anoloan'ilay fiaran'i Yaveh i Davida, ary mba hankalaza, hisaotra sy hidera an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely. [5]Ireo Levita ireo dia Asafa ilay mpitarika, ary faharoa manaraka azy i Zakaria, Jeiela, Semiramota, Jehiela, Matita, Eliaba, Benaia, Obed-Edoma, ary Jeiela. Ireo no nitendry lokanga sy harpa. Asafa no nampaneno ny kipantsona, izay maneno mafy. [6]Benaia sy Jahaziela mpisorona no mpitsoka tsy tapaka ny trompetra, teo anoloan'ny fiaran'ny faneken'Andriamanitra.
[7]Ary tamin'izany andro izany Davida no nanendry voalohany an'i Asafa sy ireo rahalahiny mba hihira io hiran'ny fisaorana an'i Yaveh io. [8]Tolory fisaorana i Yaveh, antsoy ny anarany; ampahafantaro eo amin'ireo firenena ny asany.
[9]Mihirà Azy, mihirà fiderana Azy; ambarao ireo asany mahagaga rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Mireharehà amin'ny anarany masina; aoka hifaly ny fon'ireo izay mitady an'i Yaveh. [11]Tadiavo Yaveh sy ny heriny; tadiavo mandrakariva ny fanatrehany.
[12]Tsarovy ireo zava-mahagaga nataony, ireo fahagagana sy ireo lalàna avy amin'ny vavany, [13]ry taranak'Israely mpanompony, ianareo vahoakan'i Jakoba, izay nofidiany. [14]Izy no Yaveh, Andriamanitsika. Amin'ny tany rehetra ireo lalàny.
[15]Ataovy ao an-tsaina mandrakariva ny fanekeny, dia ny teny izay nandidiany an'ireo taranaka arivo hifandimby.
[16]Mahatsiaro ny fanekena izay nataony tamin'i Abrahama, sy ny voadiny tamin'Isaka Izy. [17]Izany no nohamafisiny tamin'i Jakoba toy ny fitsipika, ary tamin'Israely toy ny fanekena mandrakizay. [18]Hoy Izy hoe: "Hanome anareo ny tanin'i Kanana ho anjara lovanareo Aho."
[19]Niteny izany Aho raha mbola vitsy an'isa ianareo, tena vitsy tokoa, ary vahiny tao amin'ny tany. [20]Nandeha tamin'ny firenena ho amin'ny firenena izy ireo, avy amin'ny fanjakana iray mankany amin'ny hafa. [21]Tsy nisy na iza na iza navelany hampahory azy ireo; ireo mpanjaka dia nosaziany nohon'ny amin'izy ireo. [22]Hoy Izy hoe: "Aza mikasika an'ireo izay voahosotro, ary aza manisy ratsy an'ireo mpaminaniko."
[23]Mihirà ho an'i Yaveh, ry tany rehetra; hambarao isan'andro isan'andro ny famonjeny. [24]Hambarao eo amin'ireo firenena ny voninahiny, ary eo amin'ireo firenena rehetra ireo asany mahagaga.
[25]Fa lehibe Yaveh ka tokony ho deraina indrindra, ary tokony hatahorana ambonin'ireo andriamanin-kafa rehetra Izy.
[26]Satria sampy ireo andriamanitry ny firenena rehetra, fa Yaveh no nanao ny lanitra. [27]Eo amin'ny fanatrehany ny famirapiratana sy ny voninahitra. Ary eo amin'ny toerany ny hery sy ny hafaliana.
[28]Manomeza an'i Yaveh, ry fokon'ny vahoaka, manomeza voninahitra sy hery an'i Yaveh; [29]omeo an'i Yaveh ny voninahitra mendrika ny anarany. Mitondrà fanatitra ary mankanesa eo anatrehany. Miankohofa amin'i Yaveh amin'ny famirapiratany masina.
[30]Mangovita eo anatrehany, ry tany rehetra. Izao tontolo izao ihany koa dia efa naorina; tsy afaka hozongozonina izany.
[31]Aoka ho faly ny lanitra, ary aoka hiravo ny tany; aoka izy ireo hiteny eo amin'ireo firenena hoe: "Manjaka Yaveh."
[32]Aoka hierona ny ranomasina, ary izay mameno izany dia hihiaka am-pifaliana. Aoka ho ravo ireo saha, sy izay rehetra eo amin'ireo. [33]Ary aoka ireo hazo ao an'ala hihiaka am-pifaliana eo anatrehan'i Yaveh, fa ho avy hitsara ny tany Izy.
[34]Misaora an'i Yaveh, fa tsara Izy, satria maharitra mandrakizay ny fanekeny mahatoky. [35]Avy eo milazà hoe: "Vonjeo izahay, ry Andriamanitry ny famonjenay. Hangony miaraka izahay ary vonjeo amin'ireo firenena hafa, mba ho afaka hanolotra fisaorana ho an'ny anaranao masina sy voninahitra amin'ny fiderana Anao izahay."
[36]Ho deraina mandrakizay mandrakizay anie i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely. Hoy ny olona rehetra hoe: "Amena" ary nidera an'i Yaveh.
[37]Noho izany Davida dia namela an'i Asafa sy ireo rahalahiny teo anatrehan'ilay fiaran'ny faneken'i Yaveh, mba hanompo mandrakariva eo anatrehan'ilay fiara, araka izay takian'ny asa isan'andro isan'andro. [38]Anisan'izany i Obed-edoma miaraka amin'ireo havany valo amby enim-polo. Obed-Edoma zanaka lahin'i Jedotona, miaraka amin'i Hosa, no mpiandry vavahady. [39]Zadoka ilay mpisorona sy ireo mpisorona namany dia teo amin'ny toerana avo tao Gibeona mba hanompo eo anoloan'ny tabernakelin'i Yave.
[40]Hanolotra fanatitra dorana mandrakariva amin'ny maraina sy hariva ho an'i Yaveh eo ambonin'ny alitara ho an'ny fandorana fanatitra izy ireo, araka izay rehetra voasoratra ao amin'ny lalàn'i Yaveh, izay nomeny ho didy ho an'Israely.
[41]Hemana sy Jedotona dia niaraka tamin'izy ireo, niaraka tamin'ireo ambiny izay nosafidiana tamin'ny anarana, mba hanolotra fisaorana an'i Yaveh, satria maharitra mandrakizay ny fanekeny mahatoky.
[42]Hemana sy Jedotona no mpiandraikitra ny tranon'ireo izay mitsoka trompetra, kipantsona, ary zava-maneno hafa ho an'ny hira masina. Ireo zanaka lahin'i Jedotona no niandry ny vavahady. [43]Avy eo ny olona rehetra niverina tany an-tranon'izy ireo avy, ary Davida niverina mba hitahy ny ankohonany.

17 [1]Ary rehefa tafapetraka tao amin'ny tranony ny mpanjaka, dia hoy izy tamin'i Natana mpaminany hoe: "Indro, monina anaty trano sedera aho, nefa ny fiaran'ny faneken'i Yaveh dia mijanona ao ambany lay." [2]Dia hoy Natana tamin'i Davida hoe: "Mandehana, ataovy izay ao am-ponao, fa momba anao Andriamanitra."
[3]Nefa ny alin'iny ihany dia tonga tamin'i Natana ny tenin'Andriamanitra, nanao hoe: [4]"'Mandehana ary lazao i Davida mpanompoko hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh: Tsy hanorina trano ho Ahy mba honenako ianao. [5]Fa tsy mbola nonina tao anaty trano Aho nanomboka tamin'ny andro izay nitondrako an'Israely niakatra ka hatramin'izao andro izao. Fa kosa, nonina tao anaty lay Aho, dia tabernakely, tamin'ny toerana samihafa. [6]Tamin'ny toerana rehetra izay efa nifindrako teo amin'Israely rehetra, moa ve Aho efa niteny na inona na inona tamin'ireo mpitarik'Israely izay notendreko ho mpiandry ny vahoakako, nanao hoe: "Nahoana ianareo no tsy nanorina trano sedera ho Ahy?"'"
[7]"'Ankehitriny ary, lazao Davida mpanompoko hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Izaho no naka anao avy tamin'ny tany fihinanam-bilona, avy tamin'ny fanarahana ondry, mba ho mpanapaka eo amin'Israely oloko ianao.
[8]Nomba anao Aho na taiza na taiza nalehanao ary nandringana ireo fahavalonao tsy ho eo anolonao, ary homeko anarana, tahaka ny anaran'ireo izay lehibe eto ambonin'ny tany ianao.
[9]Hanendry toerana iray ho an'Israely oloko Aho ary hametraka azy ireo ao, mba honenan'izy ireo ao amin'ny toeran'izy ireo manokana ary tsy hanana ahiahy intsony. Ireo olona ratsy fanahy dia tsy hampahory azy ireo, tahaka ny nataon'izy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ireo taloha intsony, [10]tahaka ny nataon'izy ireo nanomboka tamin'ny andro izay nandidiako ireo mpitsara mba ho eo amin'Israely oloko. Avy eo hampilavo lefona ireo fahavalonao rehetra Aho. Fanampin'izany dia lazaiko aminao fa izaho, Yaveh, dia hanorina trano iray ho anao.
[11]Ho avy izany rehefa tanteraka ny fotoananao izay handehananao any amin'ireo razambenao, dia hanangana ireo taranaka mandimby anao Aho, ary ho an'iray amin'ireo taranakao, dia Izaho no hametraka ny fanjakany. [12]Hanorina trano ho Ahy izy, ary Izaho hametraka ny seza fiandrianany mandrakizay.
[13]Ho rainy Aho, ary izy ho zanako. Tsy ho esoriko aminy ny fahatokian'ny fanekeko, tahaka ny nanesorako an'izany tamin'i Saoly, izay nanapaka talohanao. [14]Hapetrako ho eo amin'ny tranoko sy ho eo amin'ny fanjakako mandrakizay izy, ary ny seza fiandrianany dia hitoetra mandrakizay.'" [15]Dia niresaka tamin'i Davida i Natana ary nitatitra ireo teny rehetra ireo tany aminy, ka niresaka taminy momban'ilay fahitana iray manontolo izy.
[16]Dia niditra Davida mpanjaka ary nipetraka teo anoloan'i Yaveh; hoy izy hoe: "Iza moa aho, ry Yaveh Andriamanitra, ary inona ny fianakaviko, no dia nentinao ho amin'izao tanjona izao aho? [17]Fa zavatra kely teo imasonao izany, ry Andriamanitra. Niresaka ny amin'ny fianakavian'ny mpanomponao izay mbola ho avy Ianao, ary nampiseho ahy ireo taranaka ho avy, ry Yaveh Andriamanitra. [18]Inona intsony no azoko, izaho Davida, lazaina aminao? Nomenao voninahitra ny mpanomponao. Nomenao fankatoavana manokana ny mpanomponao.
[19]Ry Yaveh, nohon'ny amin'ny mpanomponao, sy mba hahatanteraka ny tanjona manokana, no nanaovanao izao zava-dehibe izao mba hampiharihariana ireo asanao lehibe rehetra. [20]Ry Yaveh, tsy misy tahaka Anao, ary tsy misy Andriamanitra afa-tsy Ianao, araka izay efa renay mandrakariva. [21]Fa iza no firenena eto ambonin'ny tany tahaka ny Israely olonao, izay navotanao, Andriamanitra, avy any Egypta mba ho vahoaka ho Anao, mba hanao anarana ho anao amin'ireo asa lehibe sy mahagaga? Ireo firenena dia noroahinao tsy ho eo anoloan'ny vahoakanao, izay navotanao tamin'i Egypta.
[22]Nataonao ho vahoakanao manokana mandrakizay i Israely, ary Ianao, ry Yaveh, dia tonga Andriamanitr'izy ireo. [23]Koa ankehitriny, ry Yaveh, hitoetra mandrakizay anie ny fampanantenana izay nataonao mahakasika ny mpanomponao sy ny fianakaviany. Ataovy araka izay efa nolazainao. [24]Hitoetra mandrakizay anie ny anaranao ary ho lehibe, ka hilaza ny olona hoe: "Yaveh tompon'ny maro no Andriamanitr'Israely,' raha apetraka eo anatrehanao, ny tranoko, Davida mpanomponao.
[25]Fa Ianao, ry Andriamanitro, dia efa nampiseho tamin'ny mpanomponao fa hanorina trano ho azy Ianao. Izany no antony, nahitako, izaho mpanomponao, faharisihana hivavaka aminao. [26]Koa ankehitriny, ry Yaveh, Ianao no Andriamanitra, ary efa nanao izany fampanantenana tsara izany tamin'ny mpanomponao: [27]Ary sitrakao ny hitahy ny tranon'ny mpanomponao, mba hitoizan'izany mandrakizay eo anatrehanao. Ianao, ry Yaveh, no nitahy izany, ka ho voatahy mandrakizay izany."

18 [1]Taorian'izany Davida dia nanafika ny Filistina ary nandresy azy ireo. Nalàny teo amin'ny fifehezan'ny Filistina i Gata sy ny tanànany. [2]Ary nandresy an'i Moaba izy avy eo, ary dia lasa mpanompon'i Davida ny Moabita ary nandoa hetra taminy.
[3]Dia resin'i Davida i Hadarezera, mpanjakan'i Zoba tao Hamata, raha mbola nandeha mba hametraka ny lalàny teo amoron'ny reniranon'i Eofrata i Hadarezera. [4]Nisambotra kalesy arivo, sy mpitaingin-tsoavaly fito arivo, ary mpandeha an-tongotra roa alina i Davida. Notraingoin'i Davida ireo soavalin'ny kalesy rehetra, fa nanokana izay mahampy kalesy zato izy.
[5]Nony tonga mba hanampy an'i Hadarezera mpanjakan'i Zoba ireo Syriana avy any Damaskosy, dia namono lehilahy Syriana roa arivo sy roa alina Davida. [6]Avy eo dia nametraka miaramila tany Syria any Damaskosy i Davida, ka lasa mpanompon'i Davida ny Syriana ary nandoa hetra taminy. Nomen'i Yaveh fandresena i Davida na taiza na taiza nalehany.
[7]Nalain'i Davida ireo ampinga volamena rehetra teny amin'ny mpanompon'i Hadarezera ary nentiny tany Jerosalema. [8]Tany Tibata sy Kona, tanànan'i Hadarezera, dia naka varahina betsaka i Davida. Izany varahina izany no nanaovan'i Solomona ny ranomasim-barahina, ny andry, sy ny fitaovana varahina taty aoriana.
[9]Nony ren'i Toy, mpanjakan'i Hamata, fa resin'i Davida ny tafik'i Hadarezera mpanjakan'i Zoba rehetra, [10]dia nalefan'i Toy tany amin'i Davida i Hadorama zanany lahy mba hiarahaba sy hisaotra azy, satria Davida niady tamin'i Hadarezera sy nandresy azy, ary satria nanangana ady tamin'i Toy i Hadarezera. Ary Hadorama dia nitondra zavatra vita tamin'ny volafotsy, volamena, ary varahina niaraka taminy. [11]Natokan'i Davida mpanjaka ho an'i Yaveh ireo zavatra ireo, niaraka tamin'ny volafotsy sy volamena izay noentiny avy tamin'ny firenena rehetra: Edoma, Moaba, ny vahoakan'i Amona, ireo Filistina, ary ny Amalekita.
[12]Namono Edomita valo arivo sy iray alina i Abisay zanaka lahin'i Zeroia tao amin'ny Lohasahan-tsira. [13]Nametrahany miaramila tao Edoma, ary dia lasa mpanompon'i Davida ireo Edomita rehetra. Nomen'i Yaveh fandresena i Davida na taiza na taiza nalehany.
[14]Nanjaka teo amin'Israely rehetra Davida, ary nampihatra ny rariny sy ny fahamarinana tamin'ny vahoakany rehetra izy. [15]Joaba zanaka lahin'i Zeroia no mpifehy ny tafika, ary Josafata zanaka lahin'i Ahiloda no mpitan-tsorata. [16]Zadoka zanaka

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

lahin'i Ahitoba sy Abimeleka zanaka lahin'i Abiatara no mpisorona, ary Saosa no mpanora-dalàna. [17]Benaia zanaka lahin'i Joiada no nifehy ireo Keretita sy Peletita, ary ireo zanaka lahin'i Davida no mpanolotsaina mitarika ny mpanjaka.

19 [1]Ary taty aoriana dia maty Nahasy, mpanjakan'ny vahoakan'i Amona, ary dia ny zanany lahy no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany. [2]Hoy Davida hoe: "Hampiseho hatsaram-panahy amin'i Hanona zanaka lahin'i Nahasy aho, satria nampiseho hatsaram-panahy tamiko ny rainy." Ka dia nandefa iraka i Davida mba hampionona azy mahakasika an-drainy. Niditra tany amin'ny tanin'ny Amonita ireo mpanompon'i Davida ary nankany amin'i Hanona, mba hampionona azy. [3]Saingy hoy ireo andrian-dahy Amonita tamin'i Hanona hoe: "Mieritreritra ve ianao fa manome voninahitra ny rainao i Davida satria naniraka ireo mpanompony mba hampahery anao? Moa tsy tonga eto aminao ireo mpanompony mba hisafo sy hizaha ny tany mba handravana izany?"
[4]Koa dia nisambotra ireo mpanompon'i Davida i Hanona, nandratra azy ireo, nanapaka ireo fitafian'izy ireo hatreo amin'ny valahany, hatreo amin'ny foto-pen'izy ireo, ary nandroaka azy ireo. [5]Rehefa nazavain'izy ireo tamin'i Davida izany, dia naniraka hitsena azy ireo izy, satria afa-baraka tanteraka ireo lehilahy. Hoy ny mpanjaka hoe: "Mijanòna ao Jeriko mandra-pitsirin'ny volombavanareo indray, ary miverena avy eo."
[6]Rehefa hitan'ireo Amonita fa lasa nangidy hoditra tamin'i Davida izy ireo, dia nandefa talenta volafotsy arivo i Hanona sy ny Amonita mba hanakaramana kalesy Syriana sy mpitaingin-tsoavaly avy tamin'i Naharaima, Maka, ary Zoba.
[7]Nanakarama azy ireo kalesy roa arivo sy telo alina ny mpanjakan'i Maka sy ny vahoakany, izay tonga nitoby teo anoloan'i Medeba. Niangona tany amin'ireo tanànany ireo Amonita, ary nivoaka ho amin'ny ady.
[8]Rehefa nahare izany i Davida, dia naniraka an'i Joaba sy ny tafiny manontolo izy mba hihaona amin'izy ireo. [9]Nivoaka ny vahoakan'i Amona ka nilahatra ho amin'ny ady teo amin'ny vavahadin'ny tanàna, raha teny amin'ny saha ireo mpanjaka izay tonga.
[10]Rehefa hitan'i Joaba ny ady nanatrika azy sady teo anoloana no tao aoriana, dia nifantina ny sasany tamin'ireo mpiady mahay indrindra teo amin'Israely izy ary nandahatra azy ireo hanohitra ireo Syriana. [11]Raha ny amin'ireo tafika ambiny, dia nomeny ho eo ambany fandidian'i Abisay rahalahiny izany, ary nalahany ho amin'ny ady hanohitra ny tafik'i Amona izy ireo.
[12]Hoy Joaba hoe: "Raha toa ka mahery loatra ho ahy ireo Syriana, dia ianao, ry Abisay, no tsy maintsy mamonjy ahy. Fa raha mafy loatra aminao kosa ny tafik'i Amona, dia ho avy hamonjy anao aho. [13]Mahereza, ary aoka isika hampiseho ny tenantsika ho mahery ho an'ny vahoakantsika sy ho an'ireo tanànan'ny Andriamanitsika, fa hanao izay tsara ho an'ny tanjony Yaveh."
[14]Koa dia niroso ho amin'ny ady i Joaba sy ireo miaramila tafiny mba hanohitra ireo Syriana, izay voatery nitsoaka teo anatrehan'ny tafik'Israely. [15]Rehefa hitan'ny tafik'i Amona fa efa nandositra ireo Syriana, dia nandositra an'i Abisay rahalahin'i Joaba ihany koa izy ireo ka niverina tany an-tanàna. Avy eo niverina avy tany amin'ny vahoakan'i Amona i Joaba ary nody tany Jerosalema.
[16]Rehefa hitan'ireo Syriana fa resin'Israely izy ireo, dia nandefa fanampin-kery avy tany andafin'ny Ony Eofrata izy ireo, niaraka tamin'i Sofaka ilay mpifehy ny tafik'i Hadarezera. [17]Rehefa nilazàna izany i Davida, dia nanangona ny Israely rehetra izy, niampita an'i Jordana, ary tonga teo amin'izy ireo. Nandahatra ny tafika ho amin'ny ady hanohitra ireo Syriana izy, ary niady taminy izy ireo.
[18]Nandositra an'Israely ny Syriana, ary Davida namono mpitaingin-kalesy Syriana fito arivo sy miaramila mpandeha tongotra efatra alina. Novonoiny ihany koa i Sofaka, ilay mpifehy ny tafika. [19]Rehefa hitan'ireo mpanjaka rehetra izay mpanompon'i Hadarezera fa resin'Israely izy ireo, dia nihavana tamin'i Davida izy ireo ary nanompo azy ireo. Ka dia tsy maniry ny hanampy ireo Amonita intsony ny vahoakan'i Syria.

20 [1]Ary tamin'ny fotoanan'ny lohataona, fotoana andehanan'ny mpanjaka any an'ady raha ny tokony ho izy, no nitarihan'i Joaba ny tafika ho amin'ny ady sy nandravany ny tanin'ireo Amonita. Lasa izy ary nanao fahirano an'i Raba. Nijanona tao Jerosalema i Davida. Ary nanafika an'i Raba ka nandresy izany i Joaba.
[2]Nesorin'i Davida hiala amin'ny lohany ny satro-boninahitry ny mpanjakan'izy ireo, ary hitany fa talenta volamena iray ny lanjan'izany, ary nisy vato sarobidy tao amin'izany. Napetraka teo an-dohan'i Davida ilay satro-boninahitra, ary navoakany ireo babo maro be tao an-tanàna. [3]Navoakany ny olona izay tao an-tanàna ary notereny hiasa miaraka amin'ny tsofa sy fangao-by ary famaky izy ireo. Davida dia nangataka ireo tanànan'ny vahoakan'i Amona rehetra mba hanao izany asa izany. Avy eo niverina tany Jerosalema i Davida sy ny tafika rehetra.
[4]Taorian'izany dia nisy ady niaraka tamin'ireo Filistina tao Gazera. Novonoin'i Sibekay ilay Hosatita i Sipay, iray amin'ireo taranaky ny Refaita, ary resy ireo Filistina. [5]Dia nisy ady niaraka tamin'ireo Filistina indray tao Goba, ary novonoin'i Elanana zanaka lahin'i Jaira ilay Betlehemita i Lamy rahalahin'i Goliata ilay Gatita, ny tsora-kazon'izay nanana lefona dia toy ny vodi-tenon'ny mpanenona.
[6]Ary nisy ady iray hafa indray tao Gata izay nisy lehilahy lava vaventy nanana rantsan-tanana enina isaky ny tanana ary rantsan-tongotra enina isaky ny tongotra. Izy ihany koa dia avy amin'ny taranaky ny Refaita. [7]Rehefa naniratsira ny tafik'Israely izy, dia novonoin'i Jehonadaba zanaka lahin'i Simea, rahalahin'i Davida. [8]Ireo no taranaky ny Refaita avy ao Gata, ary matin'ny tanan'i Davida sy ny tanan'ireo miaramilany izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

21 [1]Nisy fahavalo iray nitsangana nanohitra an'Israely ary nandrisika an'i Davida mba hanisa ny Israely. [2]Hoy Davida tamin'i Joaba sy ireo mpifehy ny tafika hoe: "Mandehana, isao ny vahoakan'Israely avy ao Beri-sheba ka hatrany Dana ary tatero amiko, mba hahafantarako ny isan'izy ireo." [3]Dia hoy Joaba hoe: "Hampitombo avo zato heny ny tafiny anie Yaveh. Kanefa ry tompoko ilay mpanjaka, moa tsy manompo ny tompoko izy rehetra? Nahoana no mila izany ny tompoko? Nahoana no mitondra heloka amin'Israely?"
[4]Kanefa tapitra ny tenin'ny mpanjaka amin'i Joaba. Koa dia lasa Joaba ary nandeha nanerana an'Israely rehetra. Avy eo dia niverina tao Jerosalema izy. [5]Ary dia notaterin'i Joaba tamin'i Davida ny fitambaran'ny isan'ireo lehilahy mpiady. Nisy lehilahy 1. 100. 000 mitan-tsabatra tao Israely. Joda irery no nanana miaramila 470. 000.
[6]Fa Levy sy Benjamina dia tsy voaisa amin'izy ireo, satria naharikoriko an'i Joaba ny baikon'ny mpanjaka. [7]Naha-tohina an'Andriamanitra ny fihetsiny, ka dia nanafika an'Israely Izy. [8]Hoy Davida tamin' Andriamanitra hoe: "Nanota be aho tamin'ny fanaovana izany. Koa esory ny heloky ny mpanomponao, satria nanao adalana be aho."
[9]Hoy Yaveh tamin'i Gada, mpaminanin'i Davida hoe: [10]"Mandehana lazao amin'i Davida hoe: 'Izao no ambaran'i Yaveh: Omeko safidy telo ianao. Misafidiana iray amin'ireo.'"
[11]Noho izany Gada dia nankany amin'i Davida ary niteny taminy hoe: "Izao no ambaran'i Yaveh: 'Misafidiana iray amin'ireto: [12]mosary telo taona, sa telo volana enjehan'ireo fahavalo sy tratran'ny sabatr'izy ireo, sa telo andro amin'ny sabatr'i Yaveh, izany hoe, areti-mandringana ao amin'ny tany, miaraka amin'ny anjelin'i Yaveh mandrava manerana ny tanin'Israely rehetra.' Koa ankehitriny ary, tapao izay valin-teny tokony ho entiko any amin'ilay naniraka ahy."
[13]Dia hoy Davida tamin'i Gada hoe: "Ory loatra aho. Avelao aho hianjera eo an-tanan'i Yaveh toy izay eo an-tanan'ny olona, satria tena lehibe ny famindram-pony." [14]Noho izany dia nandefa loza tamin'Israely i Yaveh, ary olona fito alina no maty.
[15]Nandefa anjely tany Jerosalema i Yaveh mba handrava izany. Raha iny izy saika handrava azy iny, dia nijery Yaveh ary nanova ny fisainany tamin'ilay ratsy. Hoy Izy tamin'ilay anjely mpandrava hoe: "Ampy izay! Atsaharo ny tananao." Tamin'izany fotoana izany dia nitsangana teo amin'ny famoloan'i Araona ilay Jebosita ny anjelin'i Yaveh.
[16]Nijery ambony Davida ary nahita ilay anjelin'i Yaveh nijoro teo anelanelan'ny tany sy ny lanitra, nisy sabatra voatsoaka nanondro an'i Jerosalema teny an-tanany. Avy eo Davida sy ireo loholona, nitafy akanjo fisaonana, nampiankohoka ny tavan'izy ireo tamin'ny tany. [17]Dia hoy Davida tamin'Andriamanitra hoe: "Moa tsy izaho no nandidy ny hanisàna ireo tafika? Nanao izany zavatra ratsy izany aho. Fa ireo ondry ireo, inona no nataon'izy ireo? Ry Yaveh Andriamanitro! Aoka ny tananao hamely ahy sy ny fianakaviako, fa aza avela hitoetra amin'ny vahoakanao ny loza."
[18]Dia nandidy an'i Gada ny anjelin'i Yaveh mba hilaza amin'i Davida, fa tokony hiakatra sy hanorina alitara ho an'i Yaveh eo amin'ny famoloan'i Araona ilay Jebosita i Davida. [19]Noho izany dia lasa niakatra Davida araky ny toromarika nasain'i Gada nataony amin'ny anaran'i Yaveh. [20]Raha mbola nitoto vary i Araona, dia nitodika izy ary nahita ilay anjely. Dia niafina izy ireo sy ireo zanany lahy efatra.
[21]Rehefa tonga tany amin'i Araona i Davida, dia nijery Araona ka nahita an'i Davida. Nandao ny famoloana izy ary nampiankohoka ny tavany tamin'ny tany teo amin'i Davida. [22]Dia hoy Davida tamin'i Araona hoe: "Amidio amiko ity famoloana ity, mba hafahako manorina alitara ho an'i Yaveh. Ho aloako ny vidiny feno, mba hiala amin'ny vahoaka ny loza."
[23]Hoy Araona tamin'i Davida hoe: "Alaivo ho anao izany, ry tompoko ilay mpanjaka. Ataovy aminy izay hitanao fa tsara eo imasonao. Indro, hanome omby ho anao ho fanatitra dorana aho, ny fivelesam-bary ho kitay, ary ny vary ho fanatitra voa; homeko anao avokoa izany." [24]Dia hoy Davida mpanjaka tamin'i Araona hoe: "Tsia, mihizingizina hividy izany amin'ny vidiny feno aho. Tsy haka izay anao sy hanolotra izany ho fanatitra dorana amin'i Yaveh aho raha omena ahy fotsiny izany."
[25]Noho izany dia nandoa enin-jato sekely volamena ho an'ilay toerana i Davida. [26]Nanorina alitara ho an'i Yaveh teo Davida ary nanolotra fanatitra dorana sy fanati-pihombonana teo amin'izany. Niantso an'i Yaveh izy, izay namaly azy tamin'ny afo avy any an-danitra ho eo amin'ny alitara fandoroana ny fanatitra dorana. [27]Avy eo Yaveh nanome baiko an'ilay anjely, ary namerina ny sabany tao amin'ny fitoerany ilay anjely.
[28]Rehefa hitan'i Davida fa namaly azy teo amin'ilay famoloan'i Araona ilay Jebosita i Yaveh, dia nanao ny sorona teo izy tamin'io fotoana io ihany. [29]Ary tamin'izany fotona izany, ny tabernakelin'i Yaveh, izay nataon'i Mosesy tany an'efitra, sy ny alitara ho an'ny fanatitra dorana, dia tany amin'ireo tany avo tany Gibeona. [30]Kanefa, tsy afaka nandeha tany mba hangataka ny tari-dalan'Andriamanitra i Davida, satria natahotra ny sabatry ny anjelin'i Yaveh izy.

22 [1]Avy eo Davida nilaza hoe: "Eto no hisy ny tranon'i Yaveh Andriamanitra, miaraka amin'ny alitara ho an'ny fanatitra doran'Israely." [2]Koa nandidy ireo mpanompony i Davida mba hanangona miaraka ireo vahiny izay monina any amin'ny tanin'Israely. Notendreny izy ireo mba ho mpamaky vato, mba hamaky ireo vato karangana, mba hanorenana ny tranon'Andriamanitra.
[3]Nanome vy maro be ho fantsiky ny varavarana mba ho eo amin'ny vavahady, ary amin'ireo vy fanitsiana i Davida. Nanome varahina maro noho izay azo lanjaina ihany koa izy, [4]ary hazo sedera maro tsy tambo isaina. (Nitondra hazo sedera maro be ho an'i Davida mba hisaina ireo Sidoniana sy ireo Tyriana.) [5]Hoy Davida hoe: "Solomona zanako lahy dia tanora sady tsy manam-pahaizana, ary ilay trano izay tokony hamboarina ho an' i Yaveh dia tsy maintsy mahatalanjona,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mba halaza sy ho be voninahitra eo amin'ireo tany hafa rehetra. Koa hikarakara ny fanorenana izany aho." Noho izany dia nanao fanomanana lehibe i Davida talohan'ny nahafatesany.
[6]Avy eo dia niantso an'i Solomona zanany izy ary nandidy azy hanorina trano ho an'i Yaveh, Ilay Andriamanitr'Israely.
[7]Hoy Davida tamin'i Solomona hoe: "Ry zanako, fikasako ny hanorenako trano, ho an'ny anaran'i Yaveh Andriamanitro.
[8]Kanefa Yaveh nanatona ahy ary niteny hoe: 'Efa nandatsaka rà maro ary efa niady ady maro ianao. Tsy hanorina trano ho an'ny anarako ianao, satria efa nandatsaka rà maro teto an-tany teo imasoko ianao.
[9]Na dia izany aza, hanana zanaka lahy iray tia fihavanana ianao. Hanome azy fialan-tsasatra amin'ireo fahavalony rehetra amin'ny lafiny rehetra Aho. Fa ny anarany dia ho atao hoe Solomona, ary hanome azy fiadanana sy fahanginana ho an'Israely amin'ireo androny Aho. [10]Hanorina trano ho an'ny anarako izy. Ho zanako izy, ary ho rainy Aho. Hametraka ny seza fiandrian'ny fanjakany eo amin'Israely mandrakizay Aho.'
[11]Ankehitriny, ry zanako, homba anao anie Yaveh ary hampahomby anao. [12]Hanorina ny tranon'i Yaveh Andriamanitrao anie ianao, araka ny nolazainy fa hataonao. Hanome anao saina sy fahazavan-tsaina ihany koa anie Yaveh, mba hankatoavanao ny lalàn'i Yaveh Andriamanitrao, rehefa mametraka anao hiasa eo amin'Israely Izy. [13]Dia hahomby ianao, raha mankatoa tsara ireo lalàna sy ireo didy izay nomen'i Yaveh tamin'i Mosesy mahakasika ny Israely. Mahereza ary manàna herim-po. Aza matahotra na kivy.
[14]Ary, indro, ny fihezahana lehibe izay efa nomaniko ho an'ny tranon'i Yaveh izay talenta volamena 100. 000, talenta volafotsy iray tapitrisa, ary varahina sy vy maro be. Efa nanome hazo sy vato ihany koa aho. Tsy maintsy hanampy bebe kokoa an'ireo rehetra ireo ianao.
[15]Manana mpiasa maro miaraka aminao ianao: mpamaky vato, mpanao trano, mpandrafitra, ary ireo mpanao asa-tanana mahay maro isan-karazany, [16]izay afaka miasa amin'ny volamena, volafotsy, varahina, ary vy. Ka atomboy ny asa, ary homba anao anie Yaveh."
[17]Nandidy ireo mpitariky ny Israely rehetra ihany koa Davida mba hanampy an'i Solomona zanany lahy, manao hoe:
[18]"Momba anareo Yaveh Andriamanitrareo ary efa nanome fiadanana anareo tamin'ny lafiny rehetra. Efa nanome ireo mponin'ny faritra teto am-pelatanako Izy. Milavo lefona eo anatrehan'i Yaveh sy ny olony ny faritra. [19]Ankehitriny mitadiava an'i Yaveh Andriamanitrareo amin'ny fonareo rehetra sy ny fanahinareo rehetra. Mitsangàna ary aoreno ny toerana masin'i Yaveh Andriamanitra. Ka afaka mitondra ny fiaran'ny faneken'i Yaveh sy ireo zavatra izay an'Andriamanitra ao an-trano izay naorina ho an'ny anaran'i Yaveh ianareo."

23 [1]Rehefa antitra Davida ary akaiky hifarana ny andro iainany, dia nataony mpanjaka hanapaka an'Israely i Solomona zanany lahy. [2]Nangoniny niaraka ireo mpitarika ny Israely rehetra, niaraka tamin'ireo mpisorona sy ireo Levita. [3]Ireo Levita telo-polo taona no ho mihoatra no nisaina. Niisa valo arivo sy telo alina izy ireo.
[4]"Amin'ireo, dia efatra arivo sy roa alina no niandraikitra ny asa tao an-tranon'i Yaveh, ary enina arivo ireo manam-boninahitra sy mpitsara. [5]Efatra arivo ny mpiandry vavahady, ary efatra arivo ny mpidera an'i Yaveh miaraka amin'ny fitaovana izay namboariko ho fanomezana fiderana," Hoy Davida. [6]Nozarainy ho vondrona izay mifanaraka amin'ireo zanaka lahin'i Levy izy ireo: Gersona, Kehata, ary Merary.
[7]Avy amin'ireo foko taranak'i Gersona, no nisy an'i Ladana sy Simey.[8]Telo ny zanaka lahin'i Ladana: Jehiela ilay mpitarika, Zetama, ary Joela.[9]Telo ny zanaka lahin'i Simey: Selomota, Haziela, ary Harana. Ireo no mpitarika ireo fokon'i Ladana.
[10]Efatra ny zanaka lahin'i Simey: Jahata, Ziza, Jeosy, ary Beria. [11]Jahata no zokiny indrindra, ary Ziza no faharoa, fa Jeosy sy Beria kosa tsy mba nanana zanaka lahy maro, ka dia natao ho foko iray mitovy asa izy ireo.
[12]Efatra ny zanaka lahin'i Kehata: Amrama, Jizara, Hebrona, ary Oziela. [13]Ireto avy ny zanaka lahin'i Amrama: Arona sy Mosesy. Voasafidy ho mpanokana ireo zava-masina indrindra i Arona, ka izy sy ireo taranany no hanolotra ny ditin-kazo manitra eo anatrehan'i Yaveh, hanompo Azy ary hanome tso-drano amin'ny anarany mandrakizay. [14]Fa raha ny amin'i Mosesy ilay lehilahin'Andriamanitra kosa, dia natao ho Levita ireo zanany lahy.
[15]Ireo zanaka lahin'i Mosesy dia i Gersona sy Eliezera. [16]Ny taranak'i Gersona dia i Seboela ilay zokony indrindra. [17]Ny taranak'i Eliezera dia i Rehabia. Tsy nanan-janaka lahy hafa i Eliezera, kanefa Rehabia dia nanana taranaka maro. [18]Ny zanaka lahin'i Jizara dia i Selomita ilay mpitarika.
[19]Ny taranak'i Hebrona dia i Jeria, zokiny indrindra, Amaria no faharoa, Jahaziela no fahatelo, ary Jekameama no fahefatra. [20]Ireo zanaka lahin'i Oziela dia i Mika zokiny indrindra, ary Isiah no faharoa.
[21]Ireo zanaka lahin'i Merary dia i Maly sy Mosy. Ireo zanaka lahin'i Maly dia i Eleazara sy Kisy. [22]Maty tsy mba nitera-dahy i Eleazara. Zanaka vavy ihany no nananany. Ireo zanaka lahin'i Kisy dia nanambady azy ireo. [23]Ireo zanak'i Mosy telo lahy dia i Maly, Edera, ary Jeremota.
[24]Ireo no taranak'i Levy araka ny fokon'izy ireo. Izy ireo no mpitarika, voaisa ary voatanisa araka ny anaran'ny foko izay nanao ny asa fanompoana tao an-tranon'i Yaveh, manomboka eo amin'ny roapolo taona no ho miakatra. [25]Fa hoy Davida hoe: "Yaveh, Andriamanitr'Israely, dia efa nanome fitsaharana ho an'ny olony. Nataony ao Jerosalema mandrakizay ny tranony. [26]Tsy hitondra ny tabernakely sy ireo fitaovana fampiasa amin'ny fanompoana rehetra intsony ireo Levita."
[27]Fa tamin'ny alalan'ny tenin'i Davida farany no nanisana ireo Levita, roapolo taona no ho miakatra. [28]Ny raharahan'izy ireo dia manatrika ireo taranak'i Arona amin'ny asa ao an-tranon'i Yaveh. Izy ireo dia mikarakara ireo kianja, ireo efitrano, ny fomba fanadiovana ireo zavatra rehetra izay an'i Yaveh, ary ny asa fanompoana hafa ao an-

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tranon'Andriamanitra. [29]Izy ireo ihany koa no mikarakara ny mofon'ny fanatrehana, ny koba tsara toto ho vary fanatitra, ny mofo manify tsy misy masirasira, fanatitra voahendy, fanatitra mifangaro diloilo, ary ny famarana ny habetsahana sy haben-javatra rehetra.
[30]Nitsangana isa-maraina ihany koa izy ireo mba hisaotra sy hidera an'i Yaveh. Nataon'izy ireo ihany koa izany ny hariva[31]ary na oviana na oviana no manatitra fanatitra dorana ho an'i Yaveh, na amin'ny Sabata na amin'ny fankalazana ny voaloham-bolana sy amin'ny andro fanasana. Ny isa raikitra, izay voatendrin'ny didy, dia tsy maintsy aseho eo anatrehan'i Yaveh mandrakariva.
[32]Izy ireo no nisahana ny trano lay fihaonana, ny toerana masina, ary nanampy ireo taranak'i Arona naman'izy ireo tamin'ny fanompoana tao an-tranon'i Yaveh.

24 [1]Ny antokon'asa mifototra amin'ireo taranak'i Arona dia ireto avy: Nadaba, Abiho, Eleazara ary Itamara. [2]Nadaba sy Abiho dia maty talohan'ny nahafatesan'ny rain'izy ireo. Tsy nanan-janaka izy ireo, koa niasa tahaka ny mpisorona i Eleazara sy Itamara. [3]Davida, niaraka tamin'i Zadoka, taranak'i Eleazara, ary Ahimeleka, taranak'Itamara, dia nizarazara azy ireo ho antokony amin'ny asa maha-mpisorona azy ireo.
[4]Teo amin'ireo taranak'i Eleazara dia nisy lehilahy mpitarika maro kokoa noho ny teo amin'ireo taranak' Itamara, ka nozarazarain'izy ireo ho antoko enina ambin'ny folo ireo taranak'i Eleazara. Nanao izany tamin'ny lohan'ny fianakaviambe sy tamin'ireo taranak' Itamara izy ireo. Valo ireo fizarazarana ireo raha isaina, izay mifandraika amin'ny fokon'izy ireo avy. [5]Nosarasarahan'izy ireo tamin'ny antsapaka izy ireo, satria nisy manam-boninahitra masina sy manam-boninahitr'Andriamanitra, avy amin'ireo taranak'i Eleazara sy ireo taranak'Itamara.
[6]Semaia zanaka lahin'i Netanela mpanora-dalàna, Levita iray, dia nanoratra ny anaran'izy ireo teo amin'ny fanatrehan'ny mpanjaka, ireo manam-boninahitra, Zadoka mpisorona, Ahimeleka zanaka lahin'i Abiatara, ary ireo mpitariky ny fisoronana sy ireo fianakavian'ny Levita. Ny foko iray dia voasarika tamin'ny antsapaka avy tamin'ireo taranak'i Eleazara, ary ny manaraka dia ho sarihana avy amin'ireo taranak'Itamara.
[7]Ny loka voalohany dia nankany amin'i Joariba, ny faharoa an'i Jedaia, [8]ny fahatelo an'i Harima, ny fahefatra an'i Seorima, [9]ny fahadimy an'i Malkia, ny fahenina an'i Miamina, [10]ny fahafito an'i Hakoza, ny fahavalo an'i Abia,
[11]ny fahasivy an'i Jesoa, [12]ny fahafolo an'i Sekania, ny fahiraika ambin'ny folo an'i Eliasiba, ny faharoa ambin'ny folo an'i Jakima, [13]ny fahatelo ambin'ny folo an'i Hopa, ny fahefatra ambin'ny folo an'i Jesebaba, [14]ny fahadimy ambin'ny folo an'i Bilga, ny fahenina ambin'ny folo an'Imera,
[15]ny fahafito ambin'ny folo an'i Hezira, ny fahavalo ambin'ny folo an'i Hafizeza, [16]ny fahasivy ambin'ny folo an'i Petahia, ny faharoa-polo an'i Jehezekela, [17]ny fahiraika amby roa-polo an'i Jakina, ny faharoa amby roa-polo an'i Gamola, [18]ny fahatelo amby roa-polo an'i Delaia, ary ny fahefatra amby roa-polo an'i Mazia,
[19]Ireo no laharan'asan'izy ireo, rehefa tonga tao amin'ny tranon'i Yaveh izy ireo, manaraka ny fitsipika nomena azy ireo tamin'ny alalan'i Arona razamben'izy ireo, tahaka ny nampianarin'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely azy.
[20]Ireto no ambin'ireo Levy: tamin'ireo zanaka lahin'i Amrama, dia i Sobaela; tamin'ireo zanaka lahin'i Sobaela, dia i Jedala. [21]Ireo zanaka lahin'i Rehabia: tamin'ireo zanaka lahin'i Rehabia, dia i Jisia mpitarika. [22]Tamin'ireo Jizarita, dia i Selomota; tamin'ireo zanaka lahin'i Selomota, dia i Jahata.
[23]Ireo zanaka lahin'i Hebrona: Jeria mpitarika, Amaria no faharoa, Jahaziela no fahatelo, ary Jekameana no fahefatra.
[24]Anisan'ny zanaky ny taranak'i Oziela i Mika. Anisan'ny taranak'i Mika i Samira. [25]Jisia no rahalahin'i Mika. Anisan'ny zanaka lahin'i Jisia i Zakaria.
[26]Ireo zanaka lahin'i Merary: Maly sy Mosy. Ny zanaka lahin'i Jazia, dia i Beno. [27]Ireo zanaka lahin'i Merary: Jazia, Beno, Sohama, Zakora, ary Ibry. [28]Ny zanaka lahin'i Maly: Eleazara, izay tsy nanan-janaka lahy.
[29]Ny zanaka lahin'i Kisy, ny zanaka lahin'i Kisy dia: Jeramela. [30]Ireo zanaka lahin'i Mosy: Maly, Edera, ary Jerimota. Ireo no Levita, voatanisa araka ny fianakavian'izy ireo avy. [31]Ireo lehilahy izay lohan'ny isam-pianakavian'ny rainy avy sy ireo faralahiny avy ireo, dia samy niloka teo anatrehan'i Davida Mpanjaka, sy Zadoka ary Ahimeleka, niaraka tamin'ireo loham-pianakavian'ireo mpisorona sy ireo Levita. Nanao antsapaka tahaka ny nataon'ireo taranak'i Arona izy ireo.

25 [1]Davida sy ireo mpitarika ny asan'ny tabernakely dia nisafidy ny asan'ny sasany tamin'ireo zanaka lahin'i Asafa, Hermana, ary Jedotona. Ireo lehilahy ireo dia naminany tamin'ireo harpa, lokanga, ary kipantsona. Ireto avy ny lisitr'ireo olona izay nanao izany asa izany: [2]Avy amin'ireo zanaka lahin'i Asafa: Zakora, Josefa, Netania, ary Asarela, ireo zanaka lahin'i Asafa, teo ambany fitarihan'i Asafa, izay naminany teo ambany fanaraha-mason'ny mpanjaka. [3]Avy amin'ireo zanaka lahin'i Jedotoma: Gedalia, Zery, Jesaia, Simey, Hasabia, ary Matatia, enina ny fitambarany, teo ambany fifehezan'i Jedotoma rain'izy ireo, izay nitendry ny harpa mba hanomezana fisaorana sy hiderana an'i Yaveh.
[4]Avy amin'ireo zanaka lahin'i Hermana: Bokia, Matania, Oziela, Seboela, ary Jerimota, Hanania, Hanany, Eliata, Gidalty, Romamti-ezera, Josbekasa, Maloty, Hotira, ary Mazaiota. [5]Zanaka lahin'i Hemana mpaminanin'ny mpanjaka ireo rehetra ireo. Andriamanitra dia nanome zanaka lahy efatra ambin'ny folo sy zanaka vavy telo an'i Hemana mba hanomezana voninahitra azy.
[6]Ireo rehetra ireo dia teo ambany fifehezan'ny rain'izy ireo. Mpitendry zava-maneno tao an-tranon'i Yaveh izy ireo, miaraka amin'ireo kipantsona sy ireo lokanga raha nanompo tao an-tranon'i Yaveh izy ireo. Asafa, Jedotona, ary

Hermana dia teo ambany fanaraha-mason'ny mpanjaka. [7]Izy ireo sy ireo rahalahiny izay nanam-pahaizana sy nomanina mba hitendry mozika ho an'i Yaveh dia niisa 288. [8]Nanao antsapaka ho an'ireo andraikiny izy ireo, mitovy avokoa, toy izany koa ho an'ny tanora sy ny antitra, ny mpampianatra sy ny mpianatra.
[9]Raha ny mahakasika an'ireo zanaka lahin'i Asafa: ny antsapaka voalohany dia azon'ny fianakavian'i Josefa; ny faharoa azon'ny fianakavian'i Gedali, olona miisa roa ambin'ny folo; [10]ny fahatelo azon'i Zakora, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [11]ny fahefatra azon'i Jizry, ireo zanany lahy sy ireo havany; olona roa ambin'ny folo; [12]ny fahadimy dia azon'i Netania, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo;
[13]Ny fahenina dia azon'i Bokia, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [14]ny fahafito azon'i Jesarela, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [15]ny fahavalo dia azon'i Jesaia, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [16]ny fahasivy dia azon'i Matania, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo;
[17]Ny fahafolo dia azon'i Simey, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [18]ny fahiraika ambin'ny folo dia azon'i Azarela, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [19]ny faharoa ambin'ny folo dia azon'i Hasabia, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [20]ny fahatelo ambin'ny folo dia azon'i Sobaela, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo;
[21]Ny fahefatra ambin'ny folo dia azon'i Matitia, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [22]ny fahadimy ambin'ny folo dia azon'i Jemerota, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [23]ny fahenina ambin'ny folo dia azon'i Hanania, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [24]ny fahafito ambin'ny folo dia azon'i Josbekasa, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo;
[25]Ny fahavalo ambin'ny folo dia azon'i Hanania, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [26]ny fahasivy ambin'ny folo dia azon'i Maloty, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [27]ny faharoa-polo dia azon'i Eliata, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [28]ny fahiraika amby roa-polo dia azon'i Hotira, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo;
[29]Ny faharoa amby roa-polo dia azon'i Gidalty, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [30]ny fahatelo amby roa-polo dia azon'i Mahaziota, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo; [31]ny fahefatra amby roa-polo dia azon'i Romamti-ezera, ireo zanany lahy sy ireo havany, olona miisa roa ambin'ny folo.

26 [1]Ireto avy ny fizaran'ireo mpiandry vavahady: Avy amin'ireo Koraïta, Meselemia zanaka lahin'i Kore, taranak'i Asafa.
[2]Meselemia dia nanan-janaka lahy: Zakaria no lahimatoa, Jediaela no faharoa, Zebadia no fahatelo, Jatniela no fahefatra, [3]Elama no fahadimy, Johanana no fahenina, Elihoenay no fahafito.
[4]Obed-edoma dia nanan-janaka lahy: Semaia no lahimatoa, Jozabada no faharoa, Joa no fahatelo, ary Sakara no fahefatra, ary Netanela no fahadimy, [5]Amiela no fahenina, Isakara no fahafito, Peoletahy no fahavalo, satria notahian'Andriamanitra i Obed-edoma. [6]Ary Semaia zanany dia niteraka lahy izay nanapaka teo amin'ny fianakavian'izy ireo; izy ireo dia lehilahy manana fahaiza-manao maro.
[7]Ireo zanaka lahin'i Semaia dia: Otny, Rafaela, Obeda ary Elzabada. Ireo havany Eliho sy Semakia dia olona manana fahaiza-manao maro ihany koa. [8]Ireo rehetra ireo dia taranak'i Obed-edoma. Izy ireo sy ny zanaka lahin'izy ireo ary ireo havany dia olona mahavita manao ny adidiny any amin'ny tabernakely fanompoana. Nisy roa amby enim-polo tamin'izy ireo nifandraika tamin'i Obed-edoma. [9]Meselemia dia nanan-janaka lahy sy havana, olona manam-pahaizana, valo ambin'ny folo ny fitambarany.
[10]Hosa, taranak'i Merary, dia nanan-janaka lahy: Simry no mpitarika (na dia tsy lahimatoa aza izy, dia nataon'ny rainy ho mpitarika), [11]Hilkia no faharoa, Tebalia no fahatelo, ary Zakaria no fahefatra. Ireo zanaka lahin'i Hosa sy ny havany akaiky rehetra dia telo ambin'ny folo ny isany.
[12]Ireo fizaran'ireo mpiandry vavahady ireo, mifanaraka amin'ny mpitarika azy ireo, dia nanana andraikitra, tahaka ireo havany, mba hanompo ao an-tranon'i Yaveh. [13]Niloka izy ireo, na ny tanora na ny antitra, mifanaraka amin'ny fianakavian'izy ireo, ho an'ny isam-bavahady. [14]Rehefa natsipy ho an'ny vavahady atsinanana ny loka, dia latsaka tao amin'i Selemia izany. Dia nanipy ny loka ho an'i Zakaria zanany lahy izy ireo, izay mpanolo-tsaina hendry, ary ny lokany dia niseho ho an'ny vavahady avaratra.
[15]Ny vavahady atsimo dia notendrena ho an'i Obed-edoma, ary ny trano fitehirizana no notendrena ho an'ireo zanany lahy. [16]Ny vavahady andrefana no notendrena ho an'i Sopima sy Hosa miaraka amin'ny vavahadin'ny Saleketa, amin'ny lalàna miakatra. Voapetraka ho an'ny isam-pianakaviana ireo fiambenana.
[17]Tany atsinanana dia nisy Levita enina, ny tany avaratra efatra isan'andro, ny tany atsimo efatra isan'andro, ary lehilahy tsiroaroa anankiroa ny tany amin'ny trano fitehirizana. [18]Tao amin'ny fitsaràna andrefana dia nisy lahatsoratra efatra, efatra teny amin'ny lalana, ary roa tao amin'ny fitsaràna. [19]Ireo no fizaran'ireo mpiandry vavahady. Izy ireo dia fenon'ny taranak'i Kora sy Merary.
[20]Eo amin'ny Levita, Ahia no nisahana ireo harena tao an-tranon'Andriamanitra, sy ny amin'ireo harena tao amin'ireo zavatra izay an'i Yaveh. [21]Ny taranak'i Ladana, tranaka avy amin'i Gersona avy tamin'ny alalany ary izay mpitarika ny fianakavian'i Ladana ilay Gersonita, dia i Jehielita sy ireo zanany lahy, [22]Zetama, sy Joela rahalahiny, izay nanara-maso ny trano fitehirizana ao an-tranon'i Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Nisy mpiambina ihany koa voasarika tamin'ny fianakaviamben'i Armama, Jizara, Hebrona, ary Oziela. [24]Seboela zanaka lahin'i Gersona zanak'i Mosesy, no mpanara-maso eo amin'ny trano fitehirizana. [25]Ireo havany avy amin'ny fianakavimben'i Eliezera dia Rehabia zanany lahy, Jesaia zanaka lahin'i Rehabia, Jorama zanaka lahin'i Jesaia, Zikry zanaka lahin'i Jorama, ary Selomota zanaka lahin'i Zikry.
[26]Selomota sy ny havany dia nisahana ny trano fitehirizana rehetra mitàna ireo zavatra izay an'i Yaveh, izay natokan'i Davida mpanjaka, ireo mpitarika ny fianakaviana, ny mpifehy ny arivo sy ny mpifehy ny zato, ary ireo mpifehy ny tafika.
[27]Natokan'izy ireo izay azo babo tamin'ny ady ho fahafoizana ho an'ny tranon'i Yaveh. [28]Nisahana ny amin'ny zavatra rehetra izay natokan'i Samoela mpaminany, Saoly zanaka lahin'i Kisy, Abnera zanaka lahin'i Nera, ary Joaba zanaka lahin'i Zeroia ho an'i Yaveh ihany koa izy ireo. Ny zavatra rehetra izay voatokana ho an'i Yaveh dia teo ambany fiambenan'i Selomota sy ireo havany.
[29]Ny avy amin'ny taranak'i Jizara, Kenania sy ireo zanany lahy no nisahana ny raharahan'olon-tsotra amin'Israely. Izy ireo dia manamboninahitra sy mpitsara. [30]Ny avy amin'ny taranak'i Hebrona, Hasabia sy ireo rahalahiny, dia lehilahy mahay 1. 700, no nisahana ny asan'i Yaveh sy ny asan'ny mpanjaka. Tany an-dafy andrefan'i Jordana izy ireo.
[31]Avy amin'ny taranak'i Hebrona, Jeria no mpitarika tamin'ireo taranany, voaisa tamin'ny lisitr'ireo fianakaviany. Tamin'ny taona fahefa-polo nanjakan'i Davida no nandinihan'izy ireo ny firaketana an-tsoratra ary nahitany lehilahy mahay tao Jazera any Gileada teo amin'izy ireo. [32]Jeria dia nanana havana 2. 700, izay loham-pianakaviana mahay. Nataon'i Davida mpiandrakitra teo amin'ireo fokon'i Robena sy Gada, ary ny antsasa-pokon'i Manase, amin'ny zavatra rehetra mahakasika an'Andriamanitra, sy ny amin'ny raharahan'ny mpanjaka izy ireo.

27 [1]Ireto ny lisitry ny fianakaviamben'ireo mpitarika Israelita, ireo mpifehy ny arivo sy ny zato, mbamin'ireo manamboninahitry ny tafika izay nanompo ny mpanjaka tamin'ny fomba samihafa. Ny antoko miaramila tsirairay dia nanompo isam-bolana isam-bolana nandritry ny taona. Ny antoko tsirairay dia nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina avy. [2]Ny lohan'ny antoko tamin'ny volana voalohany dia i Jasobeama zanaka lahin'i Zabdiela. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony. [3]Isan'ireo taranak'i Fareza izy ary niandraikitra an'ireo manamboninahitry ny tafika rehetra nandritry ny volana voalohany.
[4]Dodo no lohan'ny antoko tamin'ny volana faharoa, izay avy amin'ny foko taranak'i Ahoa. Miklota no teo amin'ny laharana faharoa. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony. [5]Ny mpifehy ny tafika tamin'ny volana fahatelo dia i Benaia zanaka lahin'i Joiada, mpisorona sy mpitarika. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony. [6]Io ilay Benaia izay mpitarika ireo telo-polo, sady lohan'ireo telo-polo. Tao amin'ny antokony i Amizabada zanany lahy.
[7]Asahela rahalahin'i Joaba no mpifehy tamin'ny volana fahefatra. Zebadia zanany lahy no tonga mpifehy nandimby azy. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony. [8]Samihota no mpifehy tamin'ny volana fahadimy, izay taranaka Jizarita. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony. [9]Ira zanaka lahin'Ikesy, avy any Tekoa no mpifehy tamin'ny volana fahenina. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony.
[10]Heleza Pelonita, avy amin'ireo vahoakan'i Efraima no mpifehy tamin'ny volana fahafito. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony. [11]Sibekay ilay Hosatita, avy amin'ny foko taranak'i Zera no mpifehy tamin'ny volana fahavalo. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony. [12]Abiezera ilay Anatotita, avy amin'ny fokon'i Benjamina no mpifehy tamin'ny volana fahasivy. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony.
[13]Maharay avy any amin'ny tanànan'i Netofata, avy amin'ny foko taranak'i Zera no mpifehy tamin'ny volana fahafolo. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony. [14]Benaia avy any amin'ny tanànan'i Piratona, avy amin'ny fokon'i Efraima no mpifehy tamin'ny volana fahiraika ambin'ny folo. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony. [15]Helday avy ao amin'ny tanànan'i Netofata, avy amin'ny foko taranak'i Otniela no mpifehy tamin'ny volana faharoa ambin'ny folo. Nisy lehilahy efatra arivo sy roa alina tao amin'ny antokony.
[16]Ireto avy ireo mpitarika ny fokon'Israely: Ho an'ny fokon'i Robena, dia Eliezera zanaka lahin'i Zikry no mpitarika. Ho an'ny fokon'i Simeona, dia Sefatia zanaka lahin'i Maka no mpitarika. [17]Ho an'ny fokon'i Levy, dia Hasabia zanaka lahin'i Kemoela no mpitarika, ary Zadoka no nitarika ireo taranak'i Arona. [18]Ho an'ny fokon'i Joda, dia Eliho, iray amin'ireo rahalahin'i Davida no mpitarika. Ho an'ny fokon'Isakara, dia Omry zanaka lahin'i Mikaela no mpitarika.
[19]Ho an'ny fokon'i Zebolona, dia Jismala zanaka lahin'i Obadia no mpitarika. Ho an'ny fokon'i Naftaly, dia Jerimota zanaka lahin'i Azriela no mpitarika. [20]Ho an'ny fokon'i Efraima, dia Hosea zanaka lahin'i Azazia no mpitarika. Ho an'ny antsasaky ny fokon'i Manase, dia Joela zanaka lahin'i Pedaia no mpitarika. [21]Ho an'ny antsasaky ny fokon'i Manase tao Gileada, dia Ido zanaka lahin'i Zakaria no mpitarika. Ho an'ny fokon'i Benjamina, dia Jasiela zanaka lahin'i Abniera no mpitarika. [22]Ho an'ny fokon'i Dana, dia Azarela zanaka lahin'i Jehorama no mpitarika. Ireo no mpitarika ny fokon'Israely.
[23]Tsy nanisa ireo roa-polo taona na ambanin'izany i Davida, satria nampanantena ny hanamaro an'Israely tahaka ireo kintan'ny lanitra i Yaveh. [24]Nanomboka nanisa ireo olona i Joaba, saingy tsy nahavita. Noho izany dia nianjera teo amin'Israely ny fahavinirana. Tsy voasoratra ao amin'ny Tantaran'i Davida Mpanjaka io tarehimarika io.
[25]Azmaveta zanaka lahin'i Adiela no niandraikitra ny rakitry ny mpanjaka. Jonatana zanaka lahin'i Ozia no nisahana ny fitehirizana tany an-tsaha, tany amin'ireo tanàn-dehibe, sy tany amin'ireo zana-bohitra, ary tany amin'ireo tilikambo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

voaaro. [26]Ezry zanaka lahin'i Keloba no nisahana an'ireo tantsaha, ireo izay niasa ny tany. [27]Simey avy any Rama no nisahana ireo tanim-boaloboka, ary Zebdy avy any Sifama no nisahana ireo voaloboka sy ny lakaly fitehirizan-divay.
[28]Bala-hanana avy any Gadera no nisahana ireo hazo oliva sy ireo hazon'amontana tany amin'ireo tany lemaka, ary Joasy no nisahana ireo trano fitehiriza-menaka. [29]Sitray avy any Saràna no nisahana ireo biby fiompy izay nihinam-bilona tany Saràna, ary Safata zanaka lahin'i Adlay no nisahana ireo biby fiompy izay tany amin'ireo lohasaha.
[30]Obila ilay Ismaelita no nisahana an'ireo rameva, ary Jedda avy any Meronota no nisahana an'ireo boriky vavy. Jaziza Hagarita no nisahana an'ireo ondry aman'osy. [31]Ireo rehetra ireo dia mpiandraikitra ny fananan'i Davida Mpanjaka avokoa.
[32]Mpanolotsaina i Jonatana, rahalahin-drain'i Davida, satria hendry no sady mpanora-dalàna izy. Jehiela zanaka lahin'i Hakmony no niahy ireo zanaky ny mpanjaka. [33]Ahitofela no mpanolotsain'ny mpanjaka, ary Hosay avy amin'ireo vahoaka Arkita no mpanolotsaina manokan'ny mpanjaka. [34]Noraisin'i Joiada zanaka lahin'i Benaia, sy Abiatara ny toeran'i Ahitofela. Joaba no mpifehy ny tafiky ny mpanjaka.

28 [1]Novorian'i Davida ireo manam-boninahitry ny Israely rehetra tao Jerosalema: ireo manam-boninahitr'ireo foko, ireo manam-pahefan'ireo antoko izay nanompo ny mpanjaka tamin'ny asan'izy ireo voalahatra, ireo mpifehy an'arivo sy mpifehy an-jato, ireo mpitantana ny harena sy fananan'ny mpanjaka sy ny an'ireo zanany lahy rehetra, ary ireo manam-pahefana sy ireo lehilahy mpiady, anisan'izany ny mahay indrindra amin'izy ireo.
[2]Dia nitsangana Davida mpanjaka ary nanao hoe: "Henoy aho, ry rahalahiko sy vahoakako. Fikasako ny hanamboatra tempoly ho an'ny fiaran'ny faneken'i Yaveh; fitoeran-tongotra ho an'Andriamanitsika, ary efa nanao fanomanana hanorenana izany aho. [3]Nefa hoy Andriamanitra tamiko hoe: 'Tsy hanamboatra tempoly ho an'ny anarako ianao, satria lehilahin'ady ianao ary efa nandatsa-drà.'
[4]Ary Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, efa nifidy ahy tamin'ny fianakavian-draiko rehetra ho mpanjaka eo amin'Israely mandrakizay. Efa nifidy ny fokon'i Joda ho mpitarika Izy. Nifidy ahy ho mpanjaka eo amin'ny Israely rehetra tao amin'ny fokon'i Joda, ary tao amin'ny ankohonan-draiko, avy tamin'ny zanaka lahin-draiko rehetra Izy. [5]Avy amin'ireo zanaka lahy maro nomen'i Yaveh ahy, no nisafidianany an'i Solomona, zanako lahy, mba hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny fanjakan'i Yaveh, eo amin'Israely.
[6]Hoy Izy tamiko hoe: 'Hanamboatra ny tranoko sy ireo kianjako i Solomona zanakao lahy, satria efa nifidy azy ho zanako Aho, ary ho rainy Aho. [7]Hametraka ny fanjakany mandrakizay Aho, raha mitoetra mankatoa ireo didiko sy lalàko, tahaka anao amin'izao izy.'
[8]Ary ankehitriny, eo imason'Israely rehetra, ity fiangonana ho an'i Yaveh ity, sy eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitsika, dia tandremonareo rehetra ary tano ireo didin'i Yaveh Andriamanitrareo rehetra. Ataovy izany mba hanananareo izany tany soa izany ka hametraka izany ho lovan'ireo zanakareo mandimby anareo mandrakizay.
[9]Ary ny aminao, ry Solomona zanako, ankatoavy ny Andriamanitry ny rainao, ary manompoa Azy amin'ny fonao manontolo sy fanahy mazoto. Ataovy izany satria Yaveh mitady ny fo rehetra ary mahatakatra ny fahazotoan'ny eritreritry ny olona rehetra. Raha mitady Azy ianao, dia ho hitanao Izy, nefa raha mandao Azy ianao, dia hanary anao mandrakizay Izy. [10]Fantaro fa i Yaveh efa nifidy anao mba hanamboatra izany tempoly izany ho fitoerany masina. Mahatanjaha ka ataovy izany."
[11]Dia nomen'i Davida an'i Solomona zanany ny sarin'ny fidiran'ny tempoly, ny fananganana ny tempoly, ireo trano fitehirizana, ireo efitra farany ambony, ireo efitra anatiny, ary ny efitra misy ny rakotra fanavotana. [12]Nomeny azy ireo rafitra nataony sary ho an'ireo kianjan'ny tranon'i Yaveh, ireo efitra manodidina rehetra, ireo trano fitehirizana ao an-tranon'Andriamanitra, ary ireo fitehirizan-drakitra ho an'ireo zavatra izay an'i Yaveh.
[13]Nanome azy ireo fitsipika ho an'ireo fizaran'ireo mpisorona sy ireo Levita, ho an'ireo andraikitra voatendry ho an'ny fanompoana ao amin'ny tranon'i Yaveh, ary ho an'ireo zavatra rehetra ho an'ny fanompoana ao an-tranon'i Yaveh izy.
[14]Nomeny azy ny lanjan'ny fanaka volamena rehetra ho an'ny fanompoana isan-karazany rehetra ary ny fanaka volafotsy rehetra, ho an'ny zavatra rehetra ho an'ny karazam-panompoana rehetra. [15]Ireo antsipirihany ireo dia nomena tamin'ny lanja, anisan'izany ny antsipirihan'ireo fanaovan-jiro volamena sy ireo jiro volamena, ny antsipirihan'ny lanja ho an'ny fanaovan-jiro rehetra, ho an'ireo jiro, ho an'ireo fanaovan-jiro volafotsy, ary ny antsipirihany ho an'ny fampiasana manokana ny fanaovan-jiro rehetra.
[16]Nomeny ho an'ireo latabatry ny mofon'ny fanatrehana, ho an'ny latabatra rehetra ny lanjan'ny volamena, ary ny lanjan'ny volafotsy ho an'ireo latabatra volafotsy. [17]Nomeny ho an'ireo sotro fihinanan-kena, ireo koveta, ary ireo kapoaka ny lanjan'ny volamena tsy mifangaro. Nomeny ny lanjan'ny lovia volamena tsirairay, ary ny lanjan'ny lovia volafotsy tsirairay.
[18]Nomeny ho an'ny alitara fandorana ditin-kazo manitra ny lanjan'ny volamena voadio, ary ny an'ny volamena ho an'ny sarin'ny kerobima izay mamelatra ireo elany ka manarona ny fiaran'ny faneken'i Yaveh. [19]Hoy Davida hoe: "Efa nataoko an-tsoratra izany rehetra izany araka ny nanoroan'i Yaveh ahy sy nampahazoany ahy momba ny sary."
[20]Hoy Davida tamin'i Solomona zanany hoe: "Mahatanjaha ary manàna herim-po. Ataovy ny asa. Aza matahotra na miahiahy, fa Yaveh Andriamanitra, Andriamanitro, dia momba anao. Tsy hamela anao Izy na handao anao mandra-pahavitan'ny asa rehetra ho an'ny fanompoana ao amin'ny tempolin'i Yaveh. [21]Indro, ireto ireo fizaran'ireo mpisorona sy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ireo Levita ho an'ny fanompoana rehetra ao an-tempolin' Andriamanitra. Hiaraka aminao izy ireo, miaraka amin'ny lehilahy manam-piniavana sy tena mahay avokoa, mba hanampy anao amin'ny asa sy hanatanteraka ny fanompoana. Ireo manam-boninahitra sy ny vahoaka rehetra dia vonona ny hanaraka ireo baikonao."

29 [1]Hoy Davida Mpanjaka tamin'ny fiangonana manontolo hoe: "Solomona zanako lahy, izay hany nofidian'Andriamanitra, dia mbola tanora sy tsy manana traikefa, nefa goavana ny asa. Fa ny tempoly dia tsy ho an'ny vahoaka fa ho an'i Yaveh Andriamanitra. [2]Ka dia efa nanao izay fara heriko aho mba hamatsiana ny tempolin'ny Andriamanitro. Hanome volamena aho ho an'izay zavatra vitaina amin'ny volamena, volafotsy ho an'izay zavatra vitaina amin'ny volafotsy, varahina ho an'izay zavatra vitaina amin'ny varahina, vy ho an'izay zavatra vitaina amin'ny vy, ary hazo ho an'izay zavatra vitaina amin'ny hazo. Hanolotra vato beryla ihany koa aho, vato hahorina, vato ho an'ny asa voarafitra maro loko—karazana vato sarobidy rehetra—ary marmora fotsy maro be.
[3]Indro, nohon'ny fankasitrahako ny ao tranon'ny Andriamanitro, dia homeko ho an'izany ny volamena sy ny volafotsy sarobidy fananako. Ataoko izao ho fanampin'izay rehetra efa nomaniko ho an'ity tempoly masina ity: [4]talenta volamena avy any Ofira telo arivo, sy talenta volafotsy voadio fito arivo, mba hametrahana ireo rindrin'ireo fanorenana. [5]Hanome volamena ho an'ny zavatra ho vitaina amin'ny volamena aho, sy volafotsy ho an'ny zavatra ho vitaina amin'ny volafotsy, ary ireo zavatra ho an'ny karazan'asa rehetra izay ataon'ireo mpanao asa tanana. Iza ihany koa no te- handray anjara ho an'i Yaveh androany ary hanolo-tena ho Azy?"
[6]Ary ireo fanatitra an-tsitrapo dia nataon'ireo mpitarika ny fianakavian'ny razamben'izy ireo, ireo mpitarik'ireo fokon'Israely, ireo mpifehy ireo an'arivony sy an-jatony, ary ireo manamboninahitra eo amin'ny asan'ny mpanjaka.
[7]Nanome talenta dimy arivo sy darika volamena iray alina, talenta volafotsy iray alina, talenta varahina valo arivo sy iray alina, ary talenta vy 100. 000 ho an'ny asan'ny tranon'Andriamanitra izy ireo.
[8]Ireo izay nanana vato sarobidy dia nanome izany tao amin'ny fitoeran-drakitry ny tranon'i Yaveh, teo ambany fanaraha-mason'i Jehiela, taranak'i Gersona. [9]Niravoravo ny vahoaka noho ireo fanatitra an-tsitrapo ireo, satria nandray anjara tamin'ny fony manontolo ho an'i Yaveh izy ireo. Faly dia faly ihany koa i Davida Mpanjaka.
[10]Nisaotra an'i Yaveh teo anatrehan'ny fiangonana rehetra i Davida. Hoy izy hoe: "Ho deraina anie Ianao, ry Yaveh, Andriamanitry ny Israely razambenay, mandrakizay doria. [11]Anao, ry Yaveh, ny fahalebiazana, ny fahefana, ny voninahitra, ny fandresena, ary ny famirapiratana. Fa izay rehetra eny amin'ny lanitra sy eo ambonin'ny tany dia Anao. Anao ny fanjakana, ry Yaveh, asandratra ho mpanapaka eo amin'ny zava-drehetra Ianao.
[12]Ny harena sy ny voninahitra dia samy avy aminao, ary manapaka amin'ny olona rehetra Ianao. Eo an-tananao ny fahefana sy ny hery. Hanananao ny tanjaka sy ny hery mba hahalehibe ny olona sy hanome tanjaka ny olona na iza na iza. [13]Koa ankehitriny, ry Andriamanitray, dia misaotra Anao sy midera ny anaranao be voninahitra izahay.
[14]Fa iza moa aho, ary iza ireo vahoakako, no tokony ho afaka hanolotra ireo zavatra ireo an-tsitrapo? Eny tokoa, ny zava-drehetra dia avy aminao, ka dia naverinay taminao tsotr'izao izay anao.[15]Fa vahiny sy mpandalo tahaka ireo razambenay rehetra izahay, eo anatrehanao. Ny andronay eto an-tany dia tahaka ny aloka, ary tsy misy fanantenana ny amin'ny fijanonana eto an-tany.
[16]Ry Yaveh Andriamanitray, ireo harena rehetra ireo izay voahangonay mba hananganana tempoly hanomezam-boninahitra ny anaranao masina— dia avy aminao ary Anao. [17]Fantatro ihany koa, ry Andriamanitro, fa mandinika ny fo sy mankasitraka ny fahitsiana Ianao. Raha ny amiko, tamin'ny fahitsim-poko no efa nanolorako an-tsitrapo ireo zavatra rehetra ireo, ary ankehitriny mijery am-piravoravoana ireo vahoakanao izay manatrika an-tsitrapo eto manolotra fanomezana ho Anao aho.
[18]Ry Yaveh, ilay Andriamanitr'i Abrahama, Isaka, ary Israely— razambenay—raketo mandrakizay ao an-tsaina aman'eritreritr'ireo vahoakanao izany. Tariho ny fon'izy ireo hitodika aminao [19]Omeo an'i Solomona zanako lahy ny fo feno faniriana hitandrina ireo didinao, ireo lalàn'ny fanekenao, ary ireo lalànao, mba hanatanterahana ireo fikasana rehetra ny amin'ny fananganana ny lapa izay efa novatsiako."
[20]Hoy Davida tamin'ny fiangonana rehetra hoe: "Ankehitriny misaora an'i Yaveh Andriamanitrareo." Ny fiangonana rehetra, nisaotra an'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razamben'izy ireo, nanondrika ny lohany ka nanompo an'i Yaveh ary niankohoka teo anoloan'ny mpanjaka. [21]Ny ampitso, dia nanao sorona ho an'i Yaveh sy nanolotra fanatitra dorana ho Azy izy ireo. Nanolotra omby arivo, ondry lahy arivo, ary zanak'ondry arivo, niaraka tamin'ny fanatitra sotroina sy sorona be dia be ho an'Israely rehetra izy ireo.
[22]Tamin'izany andro izany, dia nihinana sy nisotro teo anatrehan'i Yaveh tamin'ny fankalazana lehibe izy ireo. Nataon'izy ireo mpanjaka fanindroany indray i Solomona, zanak'i Davida, ary nanosotra azy ho mpanapaka tamin'ny alalan'ny fahefan'i Yaveh. Nanosotra an'i Zadoka ho mpisorona ihany koa izy ireo. [23]Ary Solomona nipetraka teo amin'ny seza fiandrianan'i Yaveh ho mpanjaka handimby an'i Davida rainy. Nambinina izy, ary ny Israely rehetra nankatoa azy.
[24]Ireo mpitarika rehetra, miaramila, ary ireo zanaka lahin'i Davida dia nanome fankatoavana an'i Solomona Mpanjaka.
[25]Nomen'i Yaveh voninahitra tamim-palehibiazana teo anatrehan'Israely rehetra i Solomona ary nomeny fahefana lehibe noho izay efa nomeny an'ireo mpanjaka teo alohany tao Israely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Nanjaka teo amin'Israely rehetra i Davida zanaka lahin'i Jese. [27]Mpanjakan'Israely nandritry ny efa-polo taona i Davida. Nanapaka an'i Hebrona nandritry ny fito taona ary Jerosalema nandritry ny telo amby telopolo taona izy. [28]Maty izy rehefa tratra antitra tsara, rehefa niaina andro lava, tamin'ny harena sy voninahitra. Nandimby azy i Solomona zanany. [29]Voasoratra ao amin'ny bokin'i Samoela mpaminany, ao amin'ny bokin'i Natana mpaminany, ary ao amin'ny bokin'i Gada mpaminany ireo zava-bitan'i Davida Mpanjaka. [30]Voarakitra ao ireo asan'ny fanapahany, ireo zava-bitany sy ireo zava-niseho izay nahakasika azy, Israely, ary ireo fanjakan'ny tany hafa rehetra.

2 Tantara

1

[1]Solomona zanaka lahin'i Davida, dia nitombo hery tamin'ny fanjakany, ary Yaveh Andriamaniny dia nomba azy ary nahatonga azy ho tena mahery.
[2]Solomona niteny tamin'Israely rehetra, tamin'ireo mpifehy ny arivo lahy sy ny zato lahy, sy tamin'ireo mpitsara, ary tamin'ny andrian-dahy rehetra tao Israely rehetra, ireo mpitarika ny tranon-drazambe. [3]Koa dia nandeha teny amin'ny fitoerana avo izay tany Gibeona i Solomona sy ny mpiangona rehetra niaraka taminy, satria tany no nisy ny tranolay fihaonana amin'Andriamanitra, izay namboarin'i Mosesy mpanonpon'i Yaveh, tany an'efitra. [4]Fa nentin'i Davida avy tany Kiriata Jearima ho any amin'ilay toerana izay nomaniny ho amin'izany ny fiaran'Andriamanitra, satria efa nanorina lay ho an'izany tao Jerosalema izy. [5]Fanampin'izany, ilay alitara varahina nataon'i Bezalila zanaka lahin'i Ori zanaka lahin'i Hora dia efa tany nanoloana ny tabernakelin'i Yaveh; nandeha tany i Solomona sy ny fiangonana. [1]
[6]Niakatra tany amin'ilay alitara varahina anoloan'i Yaveh i Solomona, izay tao amin'ny tranolay fihaonana, ary nanolotra fanatitra dorana arivo teo amin'izany. [7]Andriamanitra niseho tamin'i Solomona tamin'io alina io ary niteny taminy hoe: "Angataho! Inona no tokony omeko anao?"
[8]Hoy Solomona tamin'Andriamanitra hoe: "Ianao dia efa nampiseho famindra-po lehibe tamin'i Davida raiko, ary nanao ahy ho mpanjaka teo amin'ny toerany. [9]Ankehitriny, ry Yaveh Andriamanitra, aoka mba ho tanterahina ny fampanantenana nataonao tamin'i Davida raiko, satria nataonao mpanjakan'ny olona maro an'isa toy ny vovoky ny tany aho. [10]Koa omeo fahendrena sy fahalalana aho, mba hahafahako mitarika ity vahoaka ity, satria iza no afaka hitsara ny vahoakanao, izay tena maro an'isa?" [11]Hoy Andriamanitra tamin'i Solomona hoe: "Satria tao am-ponao izany, ary satria tsy nangataka vola aman-karena ianao, na voninahitra, na ny ain'ireo izay mankahala anao, na mba ho ela velona ianao, fa fahendrena sy fahalalana ho an'ny tenanao no nangatahanao, mba hahafahanao manjaka amin'ny vahoakako, eo amin'ireo izay nanaovako anao ho mpanjaka, ary izao no ho ataoko.
[12]Homeko fahendrena sy fahalalana ianao anio. Homeko vola aman-karena, sy voninahitra ihany koa ianao, izay tsy nananan'ireo mpanjaka teo alohanao, ary tsy hisy aorianao hanana." [13]Koa tonga tao Jerosalema avy tany amin'ny fitoerana avo izay tao Gibeona i Solomona, avy teo anoloan'ny tranolay fihaonana; nanjaka nanerana an'Israely izy.
[14]Nampivory ireo kalesy sy mpitaingin-tsovaly i Solomona, ary nanana kalesy 1. 400 sy mpitaingin-tsoavaly roa arivo sy iray alina izy izay napetrany tao amin'ny tanàna fitoeran'ireo kalesy, ary niaraka taminy, ny mpanjaka tao Jerosalema.
[15]Nataon'ny mpanjaka nitobaka tao Jerosalema toy ny vatokely ny volafotsy sy volamena, ary nataony nitobaka toy ny aviavy izay eny amin'ireo tany iva ny hazo sedera. [16]Toy ny fanafarana ireo soavaly avy any Egypta sy Kiho ho an'i Solomona, dia novidian'ireo mpandrantony avy any Kiho tamin'ny vidiny tokana ireo. [17]Nanafatra kalesy avy tany Egypta tamin'ny sekely volafotsy enin-jato izy ireo, ary soavaly tamin'ny sarany sekely 150. Izy ireo ihany koa dia nanondrana ireo tany amin'ireo mpanjakan'i Hetita sy ireo Syriana.

---

[1]Fanamarihana: Ny dika-teny sasany taloha manao hoe: "ilay alitara varahina nataon'i Bezalela zanaka lahin'i Ori zanaka lahin'i Hora, dia napetrany tany nanoloana ilay tabernakelin'i Yaveh", ny "izy" eto dia manondro an'i Davida.

2

[1]Ary Solomona no nibaiko ny fanorenana trano ho amin'ny anaran'i Yaveh sy ny fanorenana lapa ho an'ny fanjakany.
[2]Nanendry lehilahy fito alina i Solomona mba hitondra ireo entana, sy lehilahy valo alina mba ho mpanapaka hazo tany an-tendrombohitra, ary lehilahy 3. 600 mba hanara-maso azy ireo. Nandefa hafatra tany amin'i Hirama, mpanjakan'i Tyro i Solomona, nanao hoe: [3]"Tahaka izay nataonao tamin'i Davida raiko, ny nandefasanao hazo sedera mba hanorenany trano honenana, dia manaova toy izany amiko.
[4]Indro, eto am-panorenana trano ho amin'ny anaran'i Yaveh Andriamanitro aho, mba hanokana izany ho Azy, mba handoro ditin-kazo manitra eo anatrehany, mba hametraka ny mofon'ny fanatrehana, ary ho an'ireo fanatitra dorana amin'ny maraina sy hariva, amin'ireo Sabata sy ireo volana vaovao, ary amin'ireo firavoravoana voatondro ho an'i Yaveh Andriamanitsika. Mandrakizay izany, ho an'Israely. [5]Ho lehibe tokoa ny trano izay ho aoriko, satria lehibe ny Andriamanitsika mihoatra ireo andriamanitra rehetr.
[6]Fa iza anefa no mahay manorina trano ho an'Andriamanitra, raha izao tontolo rehetra izao hatramin'ny lanitra aza tsy omby Azy? Iza aho no hanorina trano ho Azy, afa-tsy ny mandoro sorona eo anatrehany? [7]Noho izany aniraho lehilahy manam-pahaizana amin'ny asa amin'ny volamena, volafotsy, varahina, vy, sy volomparasy, sily, ary volon'ondry manga aho, ary lehilahy iray mahay manamboatra ireo karazan-kazo voasokitra rehetra. Hiaraka amin'ireo lehilahy manam-pahaizana izay miaraka amiko any Joda sy Jerosalema izy, izay natolotr'i Davida raiko.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Andefaso sedera, kypreso, ary hazo almoga avy any Libanona ihany koa aho, satria fantatro fa ireo mpanomponao dia mahay ny fomba fanapahana hazo any Libanona. Indro, ireo mpanompoko dia hiaraka amin'ireo mpanomponao, [9]mba hanomana hazo betsaka ho ahy, satria ny trano izay ho aoriko dia ho lehibe sy mahatalanjona. [10]Indro, izaho hanome an'ireo mpanomponao, dia ireo lehilahy izay hanapaka ny hazo, vary tritika roa alina kora, vary hordea roa alina kora, divay roa alina bata, ary diloilo roa alina bata." [1]
[11]Ary Hirama, mpanjakan'i Tyro, namaly an-tsoratra, izay nalefany tany amin'i Solomona hoe: "Satria Yaveh tia ny olony, dia nanao anao ho mpanjaka eo amin'izy ireo Izy." [12]Fanampin'izany, Hirama niteny hoe: "Isaorana anie Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, izay nanao ny lanitra sy ny tany, izay nanome zanaka lahy hendry an'i Davida mpanjaka, natolotra tamim-pitandremana sy fahazavan-tsaina, izay hanorina trano ho an'i Yaveh, ary trano ho an'ny fanjakany.
[13]Ary naniraka lehilahy manam-pahaizana aho, natolotra tamim-pahazavan-tsaina, dia i Horama, ilay matihaniko.
[14]Zanaka lahin'ny vehivavy irain'ireo zanaka vavin'i Dana izy. Lehilahy avy any Tyro no rainy. Manam-pahaizana amin'ny asa amin'ny volamena, volafotsy, varahina, vy, vato, sy amin'ny hazo, sy amin'ny volomparasy, manga, ary jaky volon'ondry, sy rongony fotsy madinika izy. Manam-pahaizana amin'ny karazana sokitra sy karazana famolavolana ihany koa izy. Aoka hisy toerana ho azy eo amin'ireo mpiasanao manam-pahaizana, sy miaraka amin'ireo an'ny tompoko, dia i Davida, rainao.
[15]Koa ankehitriny, ny vary sy ny vary hordea, ny diloilo sy ny divay, izay noresahin'ny tompoko, dia aoka ho alefany any amin'ireo mpanompony. [16]Hanapaka hazo avy any Libanona izahay, betsaka araka izay ilainao. Ho alefanay mitsinkafona amin'ny ranomasina ho any Jopa any aminao izany, ary ianao no hampiakatra izany any Jerosalema." [17]Nanisa ireo vahiny rehetra izay tao amin'ny tany Israely i Solomona, araka ny fomba nanisan'i Davida, rainy, azy ireo. 153, 600 no isan'izy ireo. [18]Nanendry fito alina tamin'ireo izy mba hitondra entana, valo alina mba ho mpanapaka hazo any an-tendrombohitra, ary mpanara-maso 3. 600 mba hampiasa ny vahoaka.

---

[1]Fanamarihana: Ireo dika-teny sasany dia misy hoe: "vary roa alina kora ho sakafo."

---

3 [1]Avy eo Solomona nanomboka nanangana ny tranon'i Yaveh tao Jerosalema tany amin'ny tendrombohitr'i Moria, izay nisehoan'i Yaveh tamin'i Davida rainy. Nanomana ilay toerana izay efa nofidian'i Davida ho amin'izany izy, tao amin'ny famoloan'i Ornana ilay Jebosita. [2]Nanomboka nanamboatra tamin'ny andro faharoan'ny volana faharoa izy, tamin'ny fahefa-taona nanjakany. [3]Ireto avy ny refin'ny fototra izay nataon'i Solomona ho an'ny tranon'Andriamanitra. Nampiasa ny hakiho taloha, enim-polo hakiho ny halavany, ary roapolo hakiho ny sakany.
[4]Roapolo hakiho ny halavan'ny lavarangana eo anoloan'ny trano, mifanaraka amin'ny sakan'ilay trano. Roa-polo hakiho ihany koa ny haavony, ary nopetahan'i Solomona takela-bolamena madio ny tao anatiny. [5]Noravahany kypreso ny valin-drihan'ny efitrano lehibe, izay nopetahany takela-bolamena tsara, ary nanaovany sokitra tamin'ny hazo palma sy rojo.
[6]Noravahany tamin'ny vato sarobidy ilay trano; ilay takela-bolamena dia volamena avy any Parvaima. [7]Nopetahany takela-bolamena ihany koa ireo andriny, ireo tokonam-baravarana, rindrina, ary ireo varavarana; nasiany sarina kerobima teo amin'ireo rindrin'izany.
[8]Nanamboatra ny fitoerana masina indindra izy. Ny halavany dia mifanaraka amin'ny sakan'ny trano, roapolo hakiho, ary roa-polo hakiho ihany koa ny sakany. Nopetahany takela-bolamena madio izany, izay talenta enin-jato. [9]Ny lanjan'ireo fantsika dia sekely volamena dimam-polo. Nopetahany takela-bolamena ny faritra ambony.
[10]Nanamboatra sarina kerobima roa tao amin'ny fitoerana masina indrindra izy; nopetahan'ny mpanao asa-tanana takela-bolamena ireo. [1] [11]Roapolo hakiho ny halavan'ny elatr'ireo kerobima miaraka; dimy hakiho ny halavan'ny elatry ny kerobima iray, manakatra ny rindrin'ny efitrano; dimy hakiho tahaka izany ihany koa ny elatra iray hafa, manakatra ny elatr'ilay kerobima hafa. [12]Dimy hakiho ihany koa ny halavan'ny elatr'ilay kerobima hafa, manakatra ny rindrin'ilay efitrano; dimy hakiho ihany koa ny elany hafa, mikasika ny elatr'ilay kerobima voalohany.
[13]Roa-polo hakiho ny fitambaran'ny elatr'ireo kerobima ireo. Nijoro ireo kerobima, ny tavan'izy ireo manandrify efitrano lehibe. [14]Nataony tamin'ny manga, volomparasy, sy volon'ondry mena ary rongony fotsy madinika ny lamba, ary nohaingoiny kerobima teo amin'izany. [15]Nanao andry anankiroa ihany koa Solomona, telopolo hakiho ny haavon'ny tsirairay, teo anoloan'ilay trano; dimy hakiho ny haavon'ireo kapitaly izay teo an-tampon'ireo. [16]Nanao rojo ho an'ireo andry izy ary nametraka ireo teo an-tampon'ireo; nanao ampongabendanitra zato ihany koa izy ary nampifandray ireo tamin'ireo rojo. [17]Nataony teo anoloan'ny tempoly ireo andry, iray teo an-kavanana, ary ny iray hafa teo an-kavia; nantsoiny hoe Jakina ilay andry teo an-kavanana, ary Boaza ilay andry teo an-kavia.

---

[1]Fanamarihana: Ireo dika-teny sasany dia mivaky toy izao: "sarina kerobima roa vita tamin'ny hazo"

---

4 [1]Ankoatra an'izay dia nanamboatra alitara varahina izy, roapolo hakiho ny halavany, ary roapolo hakiho ny sakany. Folo hakiho ny haavony. [2]Nataony vy ihany koa ny manodidina ny tavin-drano, folo hakiho ny molony. Dimy hakiho ny haavony, ary telopolo hakiho ny manodidina an'ilay tavin-drano. [3]Ny ambanin'ny molotr'ilay tavin-drano manodidina dia nisy ombilahy, folo isaky ny hakiho, natambatra ho iray miaraka amin'ny tavin-drano rehefa vita ilay tavin-drano.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Napetraka teo ambonin'ny omby roa ambin'ny folo ny tavin-drano, ny telo mitodika mianavaratra, ny telo mitodika miankandrefana, ny telo mitodika mianatsimo, ary ny telo mitodika miatsinanana. Napetraka teo an-tendron'ireo ny tavin-drano, ary nifanila ny zorony efatr'izy ireo. [5]Matevina tahaka ny vodivoam-pelatanana ilay tavin-drano, ary ny molony dia voatefy tahaka ny molotra kapoaka, tahaka ny vonin'ny lilia. [6]Mahalany rano telo arivo bata ny tavin-drano. Nanamboatra koveta folo lehibe ho fanasana zavatra ihany koa izy; nasiany dimy teo an-kavanana, ary dimy teo an-kavia; fitaovana ampiasaina amin'ny fanatanterahana ny fanatitra dorana no nosasana teo amin'ireo. Ny tavin-drano kosa, mba hisasan'ireo mpisorona.
[7]Nanamboatra ireo fitoeran-jiro volamena folo izay natao araka ireo toromarika ho an'ny sary izy; napetrany tao an-tempoly ireo, dimy teo amin'ny ankavanana, ary dimy teo amin'ny ankavia. [8]Nanamboatra latabatra folo izy ka napetrany tao an-tempoly ireo, dimy teo amin'ny ankavanana, ary dimy teo amin'ny ankavia. Nanamboatra koveta volamena zato izy.
[9]Fanampin'izany dia nanamboatra kianjan'ny mpisorona sy kianja lehibe, ary varavaran'ny kianja izy; nopetahany varahina ireo varavaran'ireo. [10]Napetrany teo amin'ny ilany ankavanan'ny trano, tany atsinanana, mitodika mianatsimo ilay tavin-drano.
[11]Nanamboatra vilany, lapelina fandraofana, ary lovia famafazana i Hirama. Ka dia vitan'i Hirama ny asa izay nataony ho an'i Solomona Mpanjaka tao an-tranon'Andriamanitra: [12]dia ireo andry roa, kapitaly boribory izay teo an-tapon'ny andry roa, ary fitoeran'ny haingo makarakara roa mba hanaronana ireo kapitaly boribory roa izay teo an-tampon'ireo andry.
[13]Efa nanamboatra ampongabendanitra efa-jato ho an'ireo haingo makarakara izy: ampongabendanitra roa andalana isaky ny fitoeran'ny makarakara avy mba hanaronana ny kapitaly boribory roa izay teo amin'ireo andry.
[14]Nanamboatra tsangànana sy koveta natao teo ambonin'ilay tsangànana ihany koa izy; [15]tavin-drano iray sy omby roa ambin'ny folo eo ambaniny, [16]ireo vilany, lapelina fandraofana, fitrebika, ary fitaovana hafa rehetra ihany koa. Nataon'i Hirama ilay matihanina tamin'ny varahina voadio, ho an'i Solomona Mpanjaka, ho an'ny tranon'i Yaveh ireo. [1]
[17]Narendriky ny mpanjaka teo amin'ny lemaky ny Jordana ireo, teo amin'ny tanimanga anelanelan'i Sokota sy Zaretana.
[18]Dia toy izany, no nanamboaran'i Solomona ireo fanaka rehetra maro be ireo; tsy afaka nofantarina tokoa ny lanjan'ny varahina.
[19]Nanamboatra ny fanaka rehetra izay tao an-tranon'Andriamanitra i Solomona, ny alitara volamena ihany koa, ary ireo latabatra izay nametrahana ny mofon'ny fanatrehana; [20]ny fitoeran-jiro mbamin'ny jiron'ireo, izay voatokana ho dorana eo anoloan'ny efitra anatiny—ireo dia vita tamin'ny volamena madio; [21]ary ireo voninkazo, ireo jiro, ary ny lelan-jiro, dia volamena, volamena madio. [22]Ny fanapahan-jiro, ny koveta, ny sotro, ary ditin-kazo manitra fandoro ihany koa dia vita tamin'ny volamena madio avokoa. Ny amin'ny fidirana mankao an-trano, ireo varavarana anatiny mankao amin'ny toerana masina indrindra ary ny varavaran'ny trano, izay, an'ny tempoly, dia vita tamin'ny volamena.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe "fitrebika", dia ny dika-teny sasany manao hoe "tsinay"

---

5 [1]Rehefa vita ny asa rehetra izay nataon'i Solomona ho an'ny tranon'i Yaveh, dia nampidirin'i Solomona ireo zavatra izay efa natokan'i Davida, rainy, ho an'izany tanjona izany, anisan'izany ny volafotsy, ny volamena, ary ireo fanaka rehetra—napetrany tao amin'ny fitehirizana tao an-tranon'Andriamanitra ireo.
[2]Dia nampivorian'i Solomona, tany Jerosalema, ireo loholon'Israely, ireo mpitarika ny foko rehetra, ary ireo mpitarika ny fianakavian'ny vahoakan'Israely, mba hampiakatra ny fiaran'ny faneken'i Yaveh avy ao amin'ny tanànan'i Davida, izay i Ziona. [3]Niangona teo anoloan'ny mpanjaka tamin'ny andro firavoravoana, izay tamin'ny volana fahafito ny olon'Israely rehetra.
[4]Tonga ny loholon'Israely rehetra, ka dia nampiakatra ny fiara ireo Levita. [5]Nampiakarin'izy ireo ny fiara, ny tranolay fihaonana, ary ny fanaka masina rehetra izay tao an-day. Ireo mpisorona izay avy tamin'ny fokon'i Levy no nampiakatra ireo zavatra ireo. [6]Niara-tonga teo anoloan'ilay fiara i Solomona Mpanjaka sy ny fiangonan'Israely rehetra, nanao sorona ondry sy omby izay tsy tambo isaina.
[7]Ireo mpisorona dia nampiakatra ny fiaran'ny faneken'i Yaveh ho ao amin'ny fitoerany, tao amin'ny efitra anatin'ny trano, tao amin'ny toerana masina indrindra, ambanin'ireo elatry ny kerobima. [8]Satria ny kerobima dia namelatra ny elatr'izy ireo eo amin'ny fitoeran'ny fiara, ka nanarona ilay fiara sy ireo bao izay hilanjana izany ireo.
[9]Ireo bao dia lava tokoa ka dia hita avy ao amin'ny fitoerana masina anoloan'ny efitra anatiny ireo fiafarany, saingy tsy hita avy any ivelany izany. Ao mandrak'androany ireo. [10]Tsy nisy na inona na inona tao amin'ny fiara afa-tsy ireo vato fisaka roa izay napetrak'i Mosesy tao tany Horeba, tamin'i Yaveh nanao fanekena tamin'ny vahoakan'Israely, rehefa nivoaka an'i Egypta izy ireo.
[11]Ary nivoaka tao amin'ny fitoerana masina ireo mpisorona. Ireo mpisorona tonga rehetra dia nanoka-tena ho an'i Yaveh, tsy nandaha-tena araka ny fizaran'izy ireo. [12]Ireo Levita izay mpihira ihany koa, izy rehetra, anisan'izany i Asafa, Hemana, Jedotona, ary ireo zanaka lahy sy rahalahin'izy ireo, niakanjo rongony fotsy madinika ary nitendry kipantsona, harpa, sy lokanga, dia nijoro teo amin'ny farany atsinanan'ny alitara. Nisy mpisorona 120 nitsoka trompetra niaraka tamin'izy ireo. [13]Ary nampiara-peo ireo mpitsoka trompetra sy ireo mpihira, nanao feo tokana mba ho re ho fiderana sy fisaorana an'i Yaveh. Nanandratra ny feony tamin'ny trompetra sy kipantsona ary zava-maneno hafa izy ireo, ka nidera

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

an'i Yaveh. Nihira izy ireo hoe: "Fa tsara Izy, satria maharitra mandrakizay ny tsy fivadiham-panekeny." Ary ny trano, ilay tranon'i Yaveh, dia feno rahona. [14]Tsy afaka nijoro mba hanompo ireo mpisorona nohon'ny rahona, satria nameno ny tranony ny voninahitr'i Yaveh.

6 [1]Dia hoy Solomona hoe: "Nambaran'i Yaveh fa hitoetra ao anaty aizim-pito Izy, [2]kanefa efa nanorina trano tsara tarehy ho Anao aho, dia toerana hitoeranao mandrakizay." [3]Dia nihodina ny mpanjaka ary nitso-drano ny fiangonan'Israely rehetra, raha mbola teo am-pitsanganana ny fiangonan'Israely rehetra.
[4]Hoy izy hoe: "Ho deraina anie Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, izay niteny tamin'i Davida raiko, ary nahatanteraka izany tamin'ny tanany ihany, nanao hoe: [5]'Hatramin'ny andro nitondrako ny vahoakako nivoaka avy tao amin'ny tany Egypta, dia tsy nifidy tanàna teo amin'ny fokon'Israely rehetra mba hanorenana trano Aho, mba hitoeran'ny anarako ao. Ary tsy mba nifidy olona ho andriandahy eo amin'Israely oloko Aho. [6]Kanefa, nifidy an'i Jerosalema Aho, mba hitoeran'ny anarako ao, ary nifidy an'i Davida Aho mba hanapaka eo amin'Israely oloko.'
[7]Ary tao am-pon'i Davida raiko ny hanorina trano ho an'ny anaran'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely. [8]Fa hoy Yaveh tamin'i Davida raiko hoe: 'Fa nataonao tao am-ponao ny hanorina trano ho an'ny anarako, dia tsara ny nanaovanao izany tao am-ponao. [9]Na izany aza, dia aoka tsy hanorina ilay trano ianao; fa kosa, ny zanakao lahy, izay ho teraka avy amin'ny voanao, no hanorina ilay trano ho an'ny anarako.'
[10]Notanterahin'i Yaveh ny teny izay efa nolazainy, satria nitsangana handimby ny toeran'i Davida raiko aho, ka mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'Israely, araka ny nampanantenain'i Yaveh. Naoriko ho an'ny anaran'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely ny trano. [11]Napetrako tao ilay fiara, izay misy ny faneken'i Yaveh, izay nataony tamin'ny vahoakan'Israely."
[12]Nijoro teo anoloan'ny alitaran'i Yaveh i Solomona teo amin'ny fanatrehan'ny fiangonan'Israely rehetra, ary namelatra ny tanany. [13]Fa nanamboatra sehatra varahina izy, izay dimy hakiho ny halavany, dimy hakiho ny velarany, ary telo hakiho ny haavony. Napetrany teo afovoan'ny kianja izany. Nijoro teo ambonin'izany izy ary nandohalika teo anatrehan'ny fiangonan'Israely rehetra, ary avy eo namelatra ny tanany nakany amin'ny lanitra izy.
[14]Hoy izy hoe: "Ry Yaveh, Andriamanitr'Israely, tsy misy Andriamanitra tahaka Anao na any an-danitra na ety an-tany, izay mitàna fanekena sy fitiavana tsy mivadika amin'ireo mpanomponao izay mandeha eo anatrehanao amin'ny fony manontolo; [15]Ianao izay efa nitàna izay nampanantenainao tamin'i Davida raiko mpanomponao. Eny, niteny tamin'ny vavanao Ianao ary notanterahinao tamin'ny tananao izany, hatramin'ny androany.
[16]Ankehitriny ary, ry Yaveh, Andriamanitr'Israely, tanteraho izay nampanantenainao tamin'i Davida raiko mpanomponao, rehefa niteny Ianao hoe: 'Tsy ho foana aminao ny hanana olona hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'Israely eo imasoko, raha toa ka mitandrina ny handeha amin'ny lalàko ny taranakao, tahaka ny nandehananao teo anatrehako.'
[17]Ankehitriny ary, ry Andriamanitr'Israely, mivavaka aho mba ho tanteraka ny fampanantenana nataonao tamin'i Davida mpanomponao.
[18]Fa tena honina ety an-tany miaraka amin'ny zanak'olombelona tokoa ve Andriamanitra? Indro, izao tontolo izao sy ny lanitra aza tsy antonona Anao—mainka fa ity tempoly izay naoriko ity! [19]Kanefa mba henoy re ity vavaky ny mpanomponao sy ny fangatahany ity, ry Yaveh Andriamanitro; mba henoy ny talaho sy ny vavaka ataon'ny mpanomponao eto anatrehanao. [20]Enga anie ka hisokatra amin'ity tempoly ity andro aman'alina ny masonao, dia ilay toerana izay nampanantenainao hametrahana ny anaranao. Hihaino ny vavaka ataon'ny mpanomponao manatrika ity toerana ity anie Ianao.
[21]Koa henoy ny fangatahan'ny mpanomponao sy ny Israely olonao rehefa mivavaka manatrika ity toerana ity izahay. Eny, mihainoa avy any amin'ny toerana honenanao, avy any an-danitra; ary rehefa mihaino Ianao, dia mamelà.
[22]Raha manota amin'ny namany ny olona iray ka tsy maintsy hampanaovina fianianana, ary raha tonga izy ka manao fianianana eo anatrehan'ny alitaranao ato amin'ity trano ity, [23]dia mihainoa avy any an-danitra ka miasà ary tsarao ireo mpanomponao, mba hamaly ny ratsy fanahy, mba hampanody izay nataony ho eo amin'ny lohany ihany. Ambarao ho tsy manan-tsiny ny marina, mba hamaliana soa azy nohon'ny fahamarinany.
[24]Rehefa resin'ny fahavalo ny Israely olonao satria nanota taminao, ka raha miverina aminao izy ireo, manaiky ny anaranao, mivavaka, ary mangataka famelana avy aminao ato amin'ity tempoly ity— [25]dia mihainoa avy any an-danitra re ary mamelà ny fahotan'Israely olonao; ento miverina any amin'ny tany izay nomenao azy ireo sy ny razambeny izy ireo.
[26]Raha mihidy ny lanitra ka tsy misy orana satria nanota taminao ny vahoaka—raha mivavaka manatrika ity toerana ity izy ireo, manaiky ny anaranao, ary miala amin'ny fahotany rehefa avy nampahorianao— [27]dia mihainoa any an-danitra ary mamelà ny fahotan'ny mpanomponao sy ny Israely olonao, rehefa mampianatra azy ireo ny lalana tsara izay tokony halehany Ianao. Mandatsaha orana eo amin'ny taninao, izay nomenao ho lovan'ny olonao.
[28]Raha atao hoe misy mosary eo amin'ny tany, na atao hoe misy areti-mandringana, fahamainan'ny vary na maty fotsy, valala na sompanga; na atao hoe manafika ny vavahadin'ny tanàna ao amin'ny tanin'izy ireo ny fahavalony, na misy areti-mandringana na fahararіana— [29]ary raha atao indray hoe misy vavaka sy fangatahana nataon'ny olona iray na ny Israely vahoakanao manontolo— izay samy mahalala ny aretina sy ny alahelo any am-pony avy raha mamelatra ny tanany ho amin'ity tempoly ity izy. [30]Dia mihainoa any an-danitra, ilay toerana honenanao; mamelà, ary valio soa ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

olona rehetra nohon'ny lalany rehetra; Ianao mahalala ny fony, satria Ianao dia Ianao ihany no mahalala ny fon'olombelona. [31]Ataovy izany mba hatahoran'izy ireo Anao, mba handehanan'izy ireo amin'ny lalanao amin'ny andro rehetra iainan'izy ireo ao amin'ilay tany izay nomenao an'ireo razambenay.
[32]Ny amin'ireo vahiny izay tsy isan'Israely olonao, saingy—nohon'ny anaranao lehibe, ny tananao mahery, ary ny sandrinao mitsotra—dia tonga sy mivavaka manatrika ity trano ity, [33]dia mihainoa re any an-danitra, izay toerana honenanao, ary ataovy izay rehetra angatahin'ilay vahiny aminao, mba hahafantaran'ny olona rehetra eto an-tany ny anaranao ka hahatahoran'izy ireo Anao, araka ny ataon'Israely olonao manokana, ary mba hahafantaran'izy ireo fa ity trano izay naoriko ity dia antsoina amin'ny anaranao.
[34]Raha atao hoe mandeha mivoaka hiady amin'ny fahavalon'izy ireo ny olonao, na inona na inona fomba nandefasanao azy ireo, ary raha mivavaka aminao manatrika ity tanàna izay voafidinao ity izy ireo, ary manatrika ny trano izay naoriko ho an'ny anaranao. [35]Dia mihainoa ny vavaka, sy ny fangatahan'izy ireo avy any an-danitra, ary omeo rariny izy ireo.
[36]Raha atao hoe manota aminao izy ireo—satria tsy misy olona tsy manota—ary raha atao hoe tezitra amin'izy ireo Ianao ka manolotra azy ireo ho eo amin'ny fahavalo, mba hitondran'ny fahavalo azy ireo sy hangalana azy ireo ho babo any amin'ny tanin'izy ireo, na lavitra na akaiky. [37]Ary raha atao hoe tsaroan'izy ireo fa any amin'ny tany izay nanaovana sesin-tany azy izy ireo, ary raha atao hoe mibebaka izy ireo ka mitady sitraka aminao any amin'ny tany nahababo azy ireo. Raha miteny izy ireo hoe: 'Nanao zavatra tsy nety izahay ary nanota. Ratsy fitondran-tena izahay.' [38]Raha atao hoe miverina aminao amin'ny fony manontolo sy ny fanahiny manontolo any amin'ilay tanin'ny fahababoany izy ireo, izay nitondrany azy ireo ho babo, ary raha atao hoe mivavaka amin'ny taniny izy ireo, dia izay nomenao ho an'ny razamben'izy ireo, sy manandrify ny tanàna izay nofidinao, ary manandrify ilay trano izay naoriko ho an'ny anaranao.
[39]Dia henoy avy any an-danitra, ilay toerana honenanao, ny vavak'izy ireo sy ny fangatahan'izy ireo famonjena, ary omeo ny rariny izy ireo. Mamelà ny olonao, izay nanota taminao. [40]Ankehitriny, ry Andriamanitro, miangavy aminao aho, aoka hisokatra ny masonao, ary aoka ny sofinao hihaino ny vavaka izay atao eto amin'ity toerana ity. [41]Ankehitriny ary mitsangàna, ry Yaveh Andriamanitra, eo amin'ny toerana fitsaharanao, Ianao sy ny fiaran'ny tanjakao. Aoka ny mpisoronao, ry Yaveh Andriamanitra, mba hitafy famonjena, ary aoka ireo olo-masinao hiravo amin'ny fahatsaranao.
[42]Ry Yaveh Andriamanitra, aza mampiodina ny tavan'ilay voahosotrao hiala aminao. Tsarovy ireo asan'ny tsy fivadiham-panekenao ho an'i Davida, mpanomponao."

7 [1]Ary rehefa avy nivavaka Solomona, dia nisy afo nidina avy any an-danitra ary nandevona ireo fanatitra dorana sy ireo sorona, ary nameno ny trano ny voninahitr'i Yaveh. [2]Tsy afaka niditra tao an-tranon'i Yaveh ireo mpisorona, satria heniky ny voninahiny ny tranony. [3]Nijery avokoa ny vahoakan'Israely rehefa nilatsaka ny afo ary teo amin'ilay trano ny voninahitr'i Yaveh. Nampiankohoka ny tavany tamin'ny tany teo amin'ny rarivato izy ireo, nivavaka, ary nanome fisaorana an'i Yaveh. Hoy izy ireo hoe: "Fa tsara Izy, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony."
[4]Koa nanolotra sorona ho an'i Yaveh ny mpanjaka sy ny vahoaka rehetra. [5]Nanolotra sorona omby roa arivo sy roa alina sy ondry aman'osy 120. 000 i Solomona Mpanjaka. Koa notokanan'ny mpanjaka sy ny vahoaka rehetra ny tranon'i Yaveh.
[6]Nitsangana ireo mpisorona, nijoro teny amin'izay nanompoany avy ny tsirairay; ireo Levita ihany koa niaraka tamin'ireo zava-manenon'i Yaveh, izay nataon'i Davida mpanjaka mba hanomezana fisaorana an'i Yaveh tao amin'ny hira manao hoe: "Fa maharitra mandrakizay ny fanekeny mahatoky." Nampaneno ny trompetrany teo anatrehan'izy ireo avy ireo mpisorona rehetra, ary nitsangana avokoa ny Israely rehetra.
[7]Nanokana ny afovoan'ny kianja teo anoloan'ny tranon'i Yaveh i Solomona. Teo no nanolorany ilay fanatitra dorana sy ilay tavin'ny fanati-pihavanana, satria ny alitara varahina izay nataony dia tsy hay hitazomana ny fanatitra dorana, ny fanatitra hohanina, ary ny sabora.
[8]Nataon'i Solomona nandritry ny hafitoana ny firavoravoana tamin'izany fotoana izany, ary ny Israely rehetra niaraka taminy, dia fiangonana lehibe tokoa, hatrany Lebo Hamata ka hatrany amin'ny lohasahan-driakan'i Egypta. [9]Tamin'ny andro fahavalo dia nanao fivavahana manetriketrika izy ireo, satria nihazona ny fanokanana ny alitara, sy ny firavoravoana nandritry ny hafitoana izy ireo. [10]Tamin'ny andro fahatelo amby roapolon'ny volana fahafito, dia nampody ny vahoaka tany amin'ny tranony tamim-pifaliana sy tamin'ny fo ravoravo i Solomona nohon'ny fahatsarana izay nasehon'i Yaveh tamin'i Davida, Solomona, ary ny Israely olony.
[11]Toy izany no nahavitan'i Solomona ny tranon'i Yaveh sy ny tranony manokana. Ny zavatra rehetra izay avy tamin'ny fon'i Solomona mba hatao ao an-tranon'i Yaveh sy ao an-tranony, dia notanterahiny soa aman-tsara. [12]Niseho tamin'i Solomona i Yaveh ny alina ary nilaza taminy hoe: "Efa reko ny vavakao, ary efa nifidy ity toerana ity ho an'ny tenako ho tranon'ny sorona Aho.
[13]Raha atao hoe manidy ireo lanitra mba tsy hisian'ny orana Aho, na raha mandidy ireo valala handevona ny tany, na raha mandefa aretina eo amin'ny oloko Aho, [14]ary raha ny oloko, izay antsoina amin'ny anarako, no hanetry ny tenany, sy hivavaka, sy hitady ny tavako, ary hiala amin'ny fomba ratsin'izy ireo, dia handre any an-danitra aho, hamela ny fahotan'izy ireo, ary hanasitrana ny taniny. [15]Ankehitriny dia hisokatra ny masoko ary ny sofiko hiaino tsara ireo vavaka izay atao eto amin'ity toerana ity.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Fa ankehitriny dia nifidy sy nanokana ity trano ity aho mba ho eo mandrakizay ny anarako. Ny masoko sy ny foko dia ho eo isan'andro. [17]Raha ny aminao, raha mandeha eo anatrehako tahaka ny nandehanan'i Davida rainao ianao, mankatò izay rehetra nandidiako anao ary mitandrina ireo didy aman-dalàko, [18]dia hametraka ny seza fiandrianan'ny fanjakanao aho, araka ny nolazaiko tao amin'ny fanekena iray tamin'ny Davida rainao, rehefa nilaza Aho hoe: 'Tsy ho foana amin'ny taranakao ny ho mpanapaka eo amin'Israely.'
[19]Fa raha mivadika ianao, ka mahafoy ireo lalàko sy ireo didiko izay napetrako teo anoloanao, ary raha manompo andriamani-kafa sy miankohoka eo amin'izy ireny ianao, [20]dia ho fongoriko hiala amin'ny taniko izay nomeko azy ireo ireny. Ity trano izay natokako ho amin'ny anarako ity, dia hariako tsy ho eto anatrehako, ary hataoko ho ohabolana sy vazivazy eo amin'ireo olona rehetra izany. [21]Na dia efa tsara tarehy tokoa aza ity tempoly ity izao, dia ho tohina sy hisioka izay rehetra manavatsava izany. Hanontany izy ireo hoe: 'Nahoana Yaveh no nanao izao tamin'ity tany ity sy tamin'ity trano ity?' [22]Ny hafa hamaly hoe: 'Satria izy ireo nahafoy an'i Yaveh, Andriamanitr'izy ireo, izay nitondra ny razamben'izy ireo hiala avy tamin'ny tany Egypta, ary nihazona ireo andriamani-kafa sy niankohoka tamin'izy ireo sy nanompo azy ireo. Izany no antony nitondran'i Yaveh izao loza rehetra izao eo amin'izy ireo.'"

8 [1]Nony afaka ny roa-polo taona, nandritry ny nanamboaran'i Solomona ny tranon'i Yaveh sy ny tranony manokana, [2]dia namboarin'i Solomona indray ireo tanàna izay nomen'i Hirama azy, ary napetrany tao ny vahoakan'Israely.
[3]Nanafika an'i Hamata-zoba i Solomona ary nandresy izany. [4]Ary izy nanangana an'i Tadmora tany an'efitra, sy ireo tanàna fitehirizana rehetra, izay naoriny tao Hamata.
[5]Nanangana an'i Beti-horona Ambony, sy Beti-horona Ambany, tanàna voaaro amin'ny manda, sy vavahady, ary fefy vy ihany koa izy. [6]Nanangana an'i Baleta sy ireo tanàna fitehirizana rehetra izay nananany izy, sy ny tanàna rehetra ho an'ireo kalesiny sy ny tanàna ho an'ireo mpitaingin-tsoavaliny, sy izay rehetra niriany atsangana araka izay tiany tao Jerosalema, tao Libanona, sy tao amin'ireo tany rehetra ambany fifehezany.
[7]Ary ireo olona rehetra izay sisa tavela avy tamin'ny Hetita, ny Amorita, ny Perizita, ny Hivita, sy ny Jebosita, izay tsy an'Israely, [8]ireo taranany sisa tavela taorian'izy ireo tany amin'ny tany, izay tsy naringan'ny vahoakan'Israely— dia nataon'i Solomona mpiasa an-terivozona, izany izy ireo mandrak'ankehitriny.
[9]Na izany aza, tsy nataon'i Solomona ho mpiasa an-terivozona ny vahoakan'Israely. Fa kosa, tonga miaramilany, sy mpifehiny, manam-pahefany, ary mpifehy ny tafiky ny kalesiny sy ny mpitaingin-tsoavaliny izy ireo. [10]Ireo ihany koa no manam-pahefana lehibe mpandrindra ireo mpanaramaso izay an'i Solomona Mpanjaka, 250 tamin'izy ireo, no nanaramaso ny vahoaka izay nanao ny asa.
[11]Nentin'i Solomona nivoaka ny tanànan'i Davida ho any amin'ny trano izay namboariny ho azy ny zanaka vavin'i Farao, fa hoy izy hoe: "Tsy mahazo mitoetra ao an-tranon'i Davida mpanjakan'Israely ny vadiko, satria na aiza na aiza nihavian'ny fiaran'i Yaveh dia masina."
[12]Avy eo Solomona nanolotra fanatitra dorana ho an'i Yaveh teo amin'ny alitarany izay naoriny teo anoloan'ny lavarangana. [13]Nanolotra sorona arak'izay notakian'ny fanao isan'andro izy; nanolotra ireo izy, nanaraka ireo torolalana hita tanatin'ny didin'i Mosesy, tamin'ny andro Sabata, ny volana vaovao, sy tamin'ny andro firavoravoana voatondro in-telo mian-taona: dia ny andro Firavoravoana amin'ny Mofo tsy misy Masirasira, ny Herinandro Firavoravoana, ary ny andro Firavoravoan'ny Fialofana.
[14]Tamim-pitandremana ireo lalàn'i Davida rainy, no nanondroan'i Solomona ireo mpisorona ho amin'ny asany, ary ireo Levita ho amin'ny fitoerany, mba hidera an'Andriamanitra sy hanompo eo anoloan'ireo mpisorona, araka izay takian'ny fanao isan'andro. Ary nanendry ireo mpiandry vavahady tamin'ny fizaràny isaky ny vavahady rehetra ihany koa izy, fa izany no efa nandidian'i Davida, ilay lehilahin'Andriamanitra. [15]Ary ireo vahoaka ireo dia tsy mba nivily tamin'ireo didin'ny mpanjaka tamin'ireo mpisorona sy ireo Levita na tamin'inona na tamin'inona, na mahakasika ireo trano fitehirizana.
[16]Ireo asa rehetra nampanaovin'i Solomona dia tontosa avokoa, hatramin'ny andro nanorenana ny fanambanin'ny tranon'i Yaveh ka mandra-pahavitan'izany. Vita ny tranon'i Yaveh.[17]Avy eo Solomona nankany Ezion-gebera sy Elota, teny amoron-dranomasin'ny tany Edoma. [18]Ary nandefasan'i Hirama sambo nentin'ireo manam-pahefana izay tantsambo nanana traikefa izy. Niantsambo niaraka tamin'ireo mpanompon'i Solomona ho any Ofira izy ireo. Naka talenta volamena 450 avy any izy ireo izay nentiny tany amin'i Solomona Mpanjaka.

9 [1]Rehefa nandre ny lazan'i Solomona ny mpanjaka vavin'i Sheba, dia nakany Jerosalema izy mba hitsapa azy amin'ny fanontaniana sarotra. Nandeha niaraka tamin'ny mpanao rodobe lava dia lava, sy rameva nampilanjaina zava-manitra, volamena maro be, ary vatosoa sarobidy maro izy. Rehefa tonga tany amin'i Solomona izy, dia nambarany taminy avokoa izay rehetra tao am-pony. [2]Novalian'i Solomona avokoa ireo fanontaniany rehetra; tsy dia nisy sarotra loatra ho an'i Solomona; tsy nisy fanontaniana izay tsy voavaliny.
[3]Rehefa hitan'ny mpanjaka vavin'i Sheba ny fahendren'i Solomona sy ny lapa izay efa naoriny, [4]ny sakafo teo ambony latabany, ny fipetran'ireo mpanompony, ny asan'ireo mpanompony ary ny fitafian'izy ireo, ireo mpitondra kapoakany sy fitafiany ihany koa, ary ny fomba izay nanolorany ny fanatitra dorana tao an-tranon'i Yaveh, dia tsy nisy fanahy intsony tao aminy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Dia hoy izy tamin'ny mpanjaka hoe: "Marina tokoa, ny tatitra izay reko tany amin'ny taniko momba ireo teninao sy ny fahendrenao. [6]Tsy nino izay reko aho ambara-pahatongavako teto, ary ankehitriny dia hitan'ny masoko izany. Tsy antsasany akory no nolazaina tamiko momban'ny fahendrenao sy ny harenao! Nihoaranao ny laza izay reko.
[7]Endrey sambatra ny vahoakanao, ary sambatra ireo mpanomponao izay efa teo anatrehanao foana, satria mandre ny fahendrenao izy ireo. [1][8]Isaorana anie Yaveh Andriamanitrao, izay faly nandray anao, izay nametraka anao teo amin'ny seza fiandrianany, mba ho mpanjaka ho an'i Yaveh Andriamanitrao. Satria ny Andriamanitrao efa nitia an'Israely, mba hametrahana azy ireo mandrakizay, dia nataony ho mpanjaka teo amin'izy ireo ianao, mba hanaovanao ny rariny sy fahamarinana!"
[9]Nomeny talenta volamena 120 ny mpanjaka ary zava-manitra sy vato sarobidy maro. Tsy nisy fatran-java-manitra maro noho ireo izay nomen'ny mpanjaka vavin'i Seba ho an'i Solomona Mpanjaka mbola nomena ho azy indray.
[10]Ireo mpanompon'i Hirama sy ireo mpanompon'i Solomona, izay nitondra volamena avy tany Ofira, dia nitondra hazo almoga sy vato sarobidy ihany koa. [11]Tamin'ny hazo almoga, dia nanao dingana ho an'ny tranon'Andriamanitra sy ny tranony ny mpanjaka, ary koa harpa sy lokanga ho an'ireo mpitendry. Tsy mbola nisy hazo toy izany ka hita tany amin'ny tanin'ny Joda tany aloha. [12]Dia nomen'i Solomona Mpanjaka ireo zavatra izay niriany ny mpanjaka vavin'i Sheba, na inona na inona nangatahany, ho fanampin'izay efa nentiny tamin'ny mpanjaka. Koa dia lasa izy ary niverina tany amin'ny taniny, izy sy ireo mpanompony.
[13]Ary ny lanjam-bolamena tonga tany amin'i Solomona tao anatin'ny herintaona dia talenta volamena 666, [14]ankoatra ny volamena izay nentin'ireo mpiserasera sy ireo mpandranto. Ireo mpanjakan'i Arabia rehetra sy ireo governora tao amin'ny firenena ihany koa dia nitondra volamena sy volafotsy ho an'i Solomana.
[15]Nanamboatra apinga volamena voafantina lehibe roanjato i Solomona Mpanjaka. Sekely volamena eninjato nomena ho an'ny tsirairay. [16]Nanamboatra apinga volamena voafantina telonjato ihany koa izy. Mina volamena telo no nanaronana ny apinga tsirairay; napetraky ny mpanjaka tao amin'ny Lapan'ny Alan'i Libanona ireo.
[17]Avy eo ny mpanjaka nanamboatra seza fiandrianana ivoara lehibe ary nopetahiny takela-bolamena tena manify indrindra izany. [18]Dingana enina no nankeo amin'ny seza fiandrianana, ary boribory ny tao aorian'ny tampon'ny seza fiandrianana. Nisy fitehenan-tanana teo amin'ny andanin'ny fipetrahana tsirairay, ary nisy liona roa nijoro teo amin'ireo andanin'ny fitehenan-tanana.
[19]Liona roa ambin'ny folo no nijoro teo amin'ireo dingana, iray isaky ny andanin'ny isaky ny dingana enina. Tsy mbola nisy seza fiandrinana toy ity tany amin'ny fanjakàna hafa. [20]Volamena avokoa ireo kapoaka fisotroan'i Solomona Mpanjaka, ary ny kapoka fisotroana rehetra tao amin'ny Tranon'ny Alan'i Libanona dia volamena tsy mifangaro avokoa. Tsy nisy volafotsy satria tsy noheverina ho sarobidy ny volafotsy tamin'ny andron'i Solomona. [21]Ny mpanjaka dia nanana sambo mpandeha an-dranomasina, niaraka tamin'ireo sambon'i Hirama. Indray mandeha isan-telo taona no nitondran'ny sambo volamena, volafotsy, ary ivoara, mbamin'ireo rajako sy gidro.
[22]Noho izany dia nihoatra ireo mpanjaka rehetra eran'izao tontolo izao tamin'ny harena sy fahendrena i Solomona Mpanjaka. [23]Izao tontolo izao dia nitady ny fanatrehan'i Solomona mba handre ny fahendreny, izay efa napetrak'Andriamanitra tao am-pony. [24]Ireo izay nitsidika dia nitondra rakitra, fanaka volafotsy sy volamena, fitafiana, fiarovana, ary zava-manitra, ary soavaly sy apondra, isan-taona.
[25]Nanana fihinanam-bilona efatra arivo ho an'ireo soavaly sy ireo kalesy i Solomona, ary mpitaingin-tsoavaly roa arivo sy iray alina, izay natobiny tao amin'ny tanànan'ny kalesy sy niaraka taminy tany Jerosalema. [26]Nanapaka teo amin'ireo mpanjaka rehetra hatrany amin'ny Ony Eofrata ka hatrany amin'ny tanin'ny Filistina izy, ary hatrany amin'ny sisin-tanin'i Egypta.
[27]Nanana volafotsy tany Jerosalema ny mpanjaka, betsaka noho ireo vatosoa teny amin'ny tany. Nanamboatra hazo sedera betsaka noho ireo hazo amontana aviavy izay tao amin'ny tany lemaka izy. [28]Nitondra soavaly ho an'i Solomona avy any Egypta sy avy any amin'ny tany rehetra izy ireo. [29]Ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Solomona, voalohany sady farany, tsy efa voasoratra tao amin'ny Tantaran'i Natana mpaminany, tao amin'ny Faminanian'i Ahija ilay Silonita, sy tao amin'ny Fahitan'Ido mpahita mahakasika an'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata ve izany? [30]Nanjaka teo amin'Israely rehetra nandritry ny efapolo taona i Solomona. [31]Nody mandry niaraka tamin'ireo razambeny izy ary ny vahoaka nandevina azy tany amin'ny tanànan'i Davida rainy. Rehoboama, zanaka lahiny, no tonga mpanjaka nandimby ny toerany.

---

[1]Fanamarihana: Ireo dika-teny sasany manao hoe: "Sambatra ireo vehivavinao", heverina fa ny lahatsoratra dia tokony hivaky toy ny ao amin'ny 1Mpanjaka 10:8

---

10 [1]Nankany Sekema i Rehoboama, satria tonga tany Sekema mba hanao azy ho mpanjaka ny Israely rehetra. [2]Ary ren'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata izany (satria tany Egypta izy, tany amin'izay efa nandosirany hiala teo amin'ny fanatrehan'i Solomona Mpanjaka, nefa efa niverina avy any Egypta i Jeroboama).
[3]Koa nandefa sy nampiantso azy izy ireo, ary tonga Jeroboama sy ny Israely rehetra; niresaka tamin'i Rehoboama izy ireo ka nanao hoe: [4]"Nanasarotra ny zioganay ny rainao. Koa ankehitriny, hamoray ny asa mafin'ny rainao, ary hamaivano ny zioga mavesatra izay napetrany teto aminay, dia hanompo anao izahay." [5]Hoy Rehoboama tamin'izy ireo hoe: "Miverena indray eto amiko afaka telo andro." Ka dia lasa ireo vahoaka.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Naka hevitra tany amin'ireo zokiolona izay nitsangana teo anatrehan'i Solomona rainy fony fahavelony i Rehoboama mpanjaka; hoy izy hoe: "Ahoana no hanoroanareo hevitra ahy mba hitondrako valin-teny eo amin'ireo vahoaka ireo?"
[7]Niresaka taminy izy ireo ka niteny hoe: "Raha tsara amin'ireo vahoaka ireo ianao ary mahafinaritra azy ireo, ary milaza teny tsara amin'izy ireo, dia ho mpanomponao mandrakizay izy ireo."
[8]Kanefa tsy norarahian'i Rehoboama ny torohevitra izay nomen'ireo zokiolona azy, ary naka hevitra tany amin'ireo tovolahy izay niara-lehibe taminy izy, izay nitsangana teo anatrehany. [9]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Inona no torohevitra homenareo ahy, mba hahafahantsika mamaly ny vahoaka izay niresaka tamiko ka niteny hoe: 'Hamaivano ny zioga izay napetraky ny rainao taminay'?"
[10]Ireo tovolahy niara-lehibe tamin'i Rehoboama niteny taminy, nanao hoe: "Toy izao no tokony havalinao ireo vahoaka izay nilaza taminao fa i Solomona rainao dia nampavesatra ny ziogan'izy ireo, ka tokony hamaivaninao izany. Izao no tokony ho lazainao azy ireo: 'Ny ankihikeliko dia matevina noho ny andilan-draiko. [11]Koa ankehitriny, na dia novesarin'ny raiko tamin'ny zioga mavesatra aza ianareo, dia mbola hanampy ny zioganareo aho. Ny raiko nanasazy anareo tamin'ireo karavasy, fa izaho hanasazy anareo amin'ireo maingoka.'"
[12]Ka dia nandeha nankany amin'i Rehoboama i Jeroboama sy ny vahoaka rehetra tamin'ny andro fahatelo, araka ny nolazain'ny mpanjaka hoe: "Miverena aty amiko amin'ny andro fahatelo." [13]Niteny mafy azy ireo i Rehoboama, tsy niraharaha ny torohevitr'ireo zokiolona. [14]Nilaza tamin'izy ireo araka ny toro-hevitr'ireo tovolahy izy, nanao hoe: "Nanavesatra ny zioganareo ny raiko, fa izaho hanampy izany. Ny raiko nanasazy anareo tamin'ny karavasy, fa izaho hanasazy anareo amin'ny maingoka."
[15]Noho izany dia tsy nohenoin'ny mpanjaka ny vahoaka, fa izany dia fanovàna tamin'ireo tranga nentin'Andriamanitra, mba hahafahan'i Yaveh manatanteraka ny teniny izay nolazain'i Ahia ilay Silonita tamin'i Jeroboama zanaka lahin'i Nebata.
[16]Rehefa hitan'Israely rehetra fa tsy nihaino azy ireo ny mpanjaka, dia namaly azy ny vahoaka ka niteny hoe: "Inona no anjaranay amin'i Davida? Tsy manana lova ao amin'ny zanaka lahin'i Jese izahay! Ny tsirairay aminareo dia tokony hiverina any an-dainy avy, ry Israely. Ary jereo ny tranonao, ry Davida." Koa dia niverina ho any an-dainy avy ny Israely rehetra. [17]Fa raha ny amin'ireo olona nonina tany amin'ireo tanànan'i Joda, dia i Rehoboama no nanjaka teo amin'izy ireo.
[18]Ary Rehoboama Mpanjaka nandefa an'i Adorama, izay nanapaka teo amin'ireo mpanao asa an-terivozona, nefa ny vahoakan'Israely nitora-bato azy ho faty. Ary nitsoaka faingana tamin'ny kalesiny ho any Jerosalema i Rehoboama mpanjaka. [19]Noho izany dia tao anatin'ny fikomiana nanohitra ny taranak'i Davida ny Israely mandrak'androany.

11 [1]Rehefa tonga tany Jerosalema i Rehoboama, dia nangoniny ny taranak'i Joda sy Benjamina, lehilahy miaramila voafidy 180 000, mba hiady amin'Israely, mba hamerina amin'ny laoniny ny fanjakana ho an'i Rehoboama.
[2]Kanefa tonga tamin'i Semaia ilay lehilahin'Andriamanitra ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [3]"Lazao i Rehoboama zanaka lahin'i Solomona, mpanjakan'i Joda, sy ny Israely rehetra any Joda sy Benjamina hoe: [4]'Izao no lazain'i Yaveh: "Aza manafika na manangana ady amin'ireo rahalahinareo ianareo. Ny olona rehetra dia tsy maintsy miverina any amin'ny fonenany avy, fa Izaho no efa nampitranga izany.'" Koa dia nankatò ny tenin'i Yaveh izy ireo ka niverina tsy ho amin'ny fanafihana an'i Jeroboama.
[5]Nonina tao Jerosalema i Rehoboama ka nanangana tanàna tao Joda ho fiarovana. [6]Nanangana an'i Betlehema, Etama, Tekoa, [7]Beti-zoro, Soko, Adolama, [8]Gata, Maresaha, Zifa, [9]Adoraima, Lakisy, Azeka, [10]Zora, Aialona, ary Hebrona izy. Ireo no tanàna mimanda tany Joda sy Benjamina.
[11]Nanamafy ireo manda izy ka nametraka mpifehy tao amin'ireo, niaraka tamin'ny fitoeran-tsakafo, diloilo, ary divay.
[12]Nametraka apinga sy lefona tany amin'ny tanàna rehetra izy ka nanamafy ireo tokoa. Ka dia lasany i Joda sy Benjamina.
[13]Ireo mpisorona sy ireo Levita izay tao amin'Israely rehetra dia nanatona azy avy tao amin'ireo fari-taniny. [14]Fa ireo Levita niala tamin'ireo tany fihinanam-bilony sy ny trano sy tanin'izy ireo mba hankanesana any Joda sy Jerosalema, satria efa noroahin'i Jeroboama sy ireo zanaka lahiny izy ireo, mba tsy hahafahan'izy ireo manao ireo adidy amin'ny maha- mpisorona ho an'i Yaveh intsony. [15]Jeroboama dia nanendry mpisorona ho azy ho amin'ireo fitoerana avo sy osy ary sarin-janak'omby izay efa namboariny.
[16]Ny vahoaka avy tamin'ireo fokon'Israely rehetra dia tonga taorian'izy ireo, ireo izay nanefy ny fony hitady an'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny Israely; tonga tao Jerosalema izy ireo mba hanao sorona ho an'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razamben'izy ireo. [17]Koa dia nohamafisin'izy ireo ny fanjakan'i Joda ary nanamafy an'i Rehoboama zanaka lahin'i Solomona nandritry ny telo taona, ka nandeha tamin'ny lalan'i Davida sy Solomona nandritry ny telo taona izy ire.
[18]Naka vady ho azy Rehoboama: dia i Mahalota, ilay zanaka vavin'i Jerimota, zanaka lahin'i Davida, sy Abihaila, ilay zanaka vavin'i Eliaba, zanaka lahin'i Jese. [19]Niteraka zanaka lahy taminy izy: dia i Jeosy, Semaria, ary Zahama.
[20]Taorian'i Mahalota, dia naka an'i Maka, zanaka vavin'i Absaloma, i Rehoboama; niteraka an'i Abia, Atahy, Ziza, ary Selomita taminy izy. [21]Rehoboama nitia an'i Maka, zanaka vavin'i Absaloma, nihoatra ireo vadiny hafa sy ireo vaditsindranony rehetra (naka vady vehivavy valo ambin'ny folo sy vaditsindrano enim-polo izy, ka lasa rain'ny zanaka lahy valo amby roapolo sy zanaka vavy enim-polo).
[22]Rehoboama nanendry an'i Abia zanaka lahin'i Maka ho lehibe, mpitarika eo amin'ireo rahalahiny; efa nanan-kevitra ny hanao azy ho mpanjaka izy. [23]Nanapaka tamim-pahendrena i Rehoboama; nampiely ireo zanany lahy rehetra nanerana

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ny tanin'i Joda sy Benjamina rehetra ho any amin'ny tanàna mimanda rehetra izy. Nanome sakafo be ho azy ireo ihany koa izy ary nitady vady maro be ho azy ireo.

12 [1]Ary tamin'izany, rehefa tafapetraka ny fanjakan'i Rehoboama ary natanjaka izy, dia nahafoy ny lalàn'i Yaveh—sy ny Israely rehetra niaraka taminy izy.
[2]Nitranga izany tamin'ny taona fahadimy nanjakan'i Rehoboama mpanjaka, fa i Sisaka, mpanjakan'i Egypta, niakatra hanohitra an'i Jerosalema, satria namadika an'i Yaveh ny vahoaka. [3]Tonga niaraka tamin'ny kalesy roan-jato sy arivo sy mpitaingin-tsoavaly enina alina izy. Miaramila tsy hita isa no tonga niaraka taminy avy tany Egypta: ireo Lobita, Sokita, ary ireo Etiopiana. [4]Nalainy ireo tanàna voaaro mafy izay an'i Joda ary nankany Jerosalema.
[5]Ary Semaia mpaminany tonga tany amin'i Rehoboama sy ireo mpitarika an'i Joda izay niara-nivondrona tao Jerosalema noho i Sisaka. Hoy Semaia tamin'izy ireo hoe: "Izao no lazain'i Yaveh: Ianareo efa nahafoy ahy, ka dia efa natolotro ho eo an-tanan'i Sisaka ihany koa ianareo." [6]Dia nanetry tena ireo andriandahin'Israely sy ny mpanjaka ary nanao hoe: "Marina i Yaveh."
[7]Ary rehefa hitan'i Yaveh fa nanetry tena izy ireo, dia tonga tamin'i Semaia ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: "Efa nanetry tena izy ireo. Tsy handringana azy ireo Aho; fa hamonjy azy ireo amin'ny fandringanana, ary tsy hilatsaka eo amin'i Jerosalema amin'ny alalan'ny tanan'i Sisaka ny hatezerako. [8]Na izany aza, dia ho mpanompony izy ireo, mba hahatakaran'izy ireo hoe ahoana izany manompo Ahy sy manompo ireo mpitondra ireo firenen-kafa izany."
[9]Ary Sisaka, mpanjakan'i Egypta niakatra hanohitra an'i Jerosalema ka naka ireo harena tao an-tranon'i Yaveh, sy ireo harena tao an-tranon'ny mpanjaka. Nalainy avokoa ny zavatra rehetra; nentiny ihany koa ireo apinga volamena izay nataon'i Solomona. [10]Nanao apinga varahina teo an-toeran'ireo i Rehoboama Mpanjaka ary nanankina ireo teo an-tanan'ireo mpifehy ny mpiambina, izay niambina ireo varavaran'ny tranon'ny mpanjaka.
[11]Nitranga izany isaky ny niditra tao an-tranon'i Yaveh ny mpanjaka, ka nitondra izany ireo mpiambina; avy eo izy ireo nitondra izany niverina tany amin'ny trano fiambenana. [12]Rehefa nanetry tena i Rehoboama, dia niala taminy ny hatezeran'i Yaveh, mba tsy handringanana azy tanteraka; ankoatran'izany, mbola nisy fahatsarana hita ihany tao amin'i Joda.
[13]Ary Rehoboama Mpanjaka nitondra hery ho an'ny fanjakany tao jerosalema, dia toy izany no nanjakany. Iraika amby efa-polo taona Rehoboama raha nanomboka nanjaka, ary nanjaka nandritry ny fito ambin'ny folo taona tao Jerosalema, ilay tanàna izay nofidian'i Yaveh tamin'ny fokon'Israely rehetra izy mba hahafahany mametraka ny anarany ao. Ny anaran-dreniny dia Nama, ilay Amonita. [14]Nanao izay ratsy izy, satria tsy nanefy ny fony mba hitady an'i Yaveh. [15]Ary ny amin'ireo zavatra hafa mahakasika an'i Rehoboama, voalohany sady farany, moa ve ireny tsy efa voasoratra ao amin'ny asa soratr'i Semaia mpaminany sy Ido ilay mpahita, izay manana ny firaketana an-tsoratra ireo tetiharana ihany koa ary ireo ady lava teo amin'i Rehoboama sy Jeroboama? [16]Nodi-mandry tany amin'ireo razambeny i Rehoboama ary nalevina tao an-tanànan'i Davida; Abia zanany lahy no tonga mpanjaka teo amin'ny toerany.

13 [1]Tamin'ny taona fahavalo nanjakan'i Jeroboama Mpanjaka, dia nanomboka nanjaka teo amin'i Joda i Abia. [2]Nanapaka nandritry ny telo taona tany Jerosalema izy; Maka no anaran-dreniny, ilay zanaka vavin'i Oriela avy any Gibea. Nisy ady teo amin'i Abia sy Jeroboama. [3]Abia nandeha niady niaraka tamin'ny tafika matanjaka iray, dia miaramila mahery fo, lehilahy voafidy 400 000. Ary Jeroboama nandahatra lehilahy voafidy, matanjaka, miaramila mahery fo 800 000 hiady hanohitra azy.
[4]Nijoro teo an-tendrombohitra Zemaraima, izay tao amin'ny tany havoan'i Efraima i Abia, ary nanao hoe: "Henoy aho, ry Jeroboama sy ry Israely rehetra! [5]Tsy fantatrareo ve fa Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, no nanome an'i Davida ny fanapahana teo amin'Israely mandrakizay, dia ho azy sy ireo zanany lahy tamin'ny fanekena ara-dalàna?
[6]Nefa Jeroboama zanaka lahin'i Nebata, ilay mpanompon'i Solomona zanaka lahin'i Davida, dia efa nitsangana ary nikomy nanohitra ny tompony. [7]Ireo lehilahy tsy mendrika, ireo namana ratsy fitondran-tena, no nikambana taminy. Tonga hanohitra an'i Rehoboama zanaka lahin'i Solomona izy ireo, fony mbola tanora sy tsy nanana traikefa ary tsy nahavita nanohitra azy ireo i Rehoboama.
[8]Ankehitriny ianareo miteny fa mahatohitra ny fitondrana maherin'i Yaveh eo an-tanan'ireo taranak'i Davida. Tafika lehibe ianareo, ary miaraka aminareo ireo zanak'omby volamena izay nataon'i Jeroboama ho andriamanitra ho anareo. [9]Tsy efa nandroaka ireo mpisoron'i Yaveh, dia ireo taranak'i Arona, sy ireo Levita ve ianareo? Tsy efa nanao mpisorona ho an'ny tenanareo tamin'ny fomban'ireo mponin'ny tany hafa ve ianareo? Na iza na iza tonga manamasin-tena miaraka amin'ny zanak'omby sy ondrilahy fito dia ho lasa mpisoron'ireo izay tsy andriamanitra anie izy.
[10]Fa raha ny aminay, Yaveh no Andriamanitray, ary tsy mbola nahafoy Azy izahay. Manana mpisorona izahay, taranak'i Arona, manompo an'i Yaveh, sy ireo Levita, izay amin'ny asan'izy ireo. [11]Isa-maraina sy isan-kariva dia mandoro fanatitra dorana sy ditin-kazo mani-pofona ho an'i Yaveh izy ireo. Mandamina ny mofon'ny fanatrehana eo amin'ny latabatra madio ihany koa izy ireo; mikarakara ny fitoeran-jiro volamena mbamin'ireo jirony ihany koa izy ireo, mba harehitra isan-kariva. Mitandrina ireo didin'i Yaveh, Andriamanitray izahay, nefa ianareo nahafoy Azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Indro, Andriamanitra dia miaraka aminay eo anoloanay, ary ireo mpisorony dia eto miaraka amin'ny trompetra mba hampanenoana fanairana ho anareo. Ry vahoakan'Israely, aza miady amin'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razambenareo, fa tsy hahomby ianareo."
[13]Kanefa Jeroboama nanomana famelezana tampoka taorian'izy ireo; teo anoloan'i Joda ny tafiny, ary taorian'izy ireo ny otrika. [14]Rehefa nitodika i Joda, dia indro, sady teo anoloan'izy ireo no tao aoriany ny ady. Nitaraina tamin'i Yaveh izy ireo, ary nitsoka ny trompetra ireo mpisorona. [15]Dia nitifitra ireo lehilahin'i Joda; raha iny nitifitra iny izy ireo, dia namely an'i Jeroboama sy ny Israely rehetra teo anoloan'i Abia sy Joda i Andriamanitra.
[16]Nandositra teo anoloan'i Joda ny vahoakan'Israely, ary natolotr'Andriamanitra teo an-tanan'i Joda izy ireo. [17]Novonoin'i Abia sy ny tafiny tamin'ny famonoana lehibe izy ireo; ka lehilahy voafidy 500 000 tamin'Israely no lavo ka maty.
[18]Tamin'izany fomba izany, no nandresen'ny vahoakan'Israely tamin'izany fotoana izany; nandresy ny vahoakan'i Joda satria niankina tamin'i Yaveh, ilay Andriamanitr'ireo razambeny izy ireo. [19]Nenjehin'i Abia i Jeroboama; nalainy taminy ireo tanàna: dia i Betela niaraka tamin'ireo zana-bohiny, Jesana niaraka tamin'ireo zana-bohiny, ary Efrona niaraka tamin'ireo zana-bohiny. [20]Tsy nihanahery intsony Jeroboama nandritry ny andron'i Abia; namely azy i Yaveh, ka maty izy.
[21]Fa Abia kosa nihanatanjaka; naka vady efatra ambin'ny folo izy ary niteraka roa amby roapolo lahy sy enina ambin'ny folo vavy. [22]Ny ambin'ireo asa lehibe vitan'i Abia, ny fitondran-tenany sy ireo teniny dia voasoratra ao amin'ny fanehoan-kevitr'i Ido mpaminany.

14 [1]Nodimandry tany amin'ireo razambeny i Abia, ary nalevin'izy ireo tao amin'ny tanànan'i Davida izy. [2]Asa, zanaka lahiny, no tonga mpanjaka nandimby ny toerany. Tamin'ny androny dia nangina nandritry ny folo taona ny tany.
Nanao izay tsara sy marina teo imason'i Yaveh Andriamaniny i Asa, [3]satria nesoriny ireo alitara vahiny sy ireo fitoerana avo. Noravainy ireo andrim-bato ary notapahany ireo baon'Aseraha. [4]Nandidy an'i Joda izy mba hitady an'i Yaveh, Ilay Andriamanitry ny razamben'izy ireo, sy hanatanteraka ireo didy aman-dalàna.
[5]Nesoriny ihany koa ireo fitoerana avo sy ireo alitaran'ny ditin-kazo manitra avy tamin'ireo tanànan'i Joda rehetra. Nitsahatra teo ambaniny ny fanjakana. [6]Nanangana tanàna mimanda tany Joda izy, satria nangina ny tany, ary tsy nanan'ady izy tamin'ireo taona ireo, satria nanome fiadanana azy i Yaveh.
[7]Fa Asa nilaza tamin'i Joda hoe: "Aoka isika hanorina ireo tanàna ireo ary hanisy manda manodidina azy ireo, sy tilikambo, vavahady, ary hidiny lavalava; mbola antsika ny tany satria efa nitady an'i Yaveh Andriamanintsika isika. Efa nitady Azy isika, ary nanome fiadanana antsika tamin'ny lafiny rehetra Izy." Ka dia nanorina izy ireo ary nahomby.
[8]Nanana tafika iray izay nihazona apinga sy lefona i Asa; avy tamin'i Joda dia nanana lehilahy 300 000 izy, ary avy tamin'ny Benjamina, lehilahy 280 000 izay nitàna apinga sy tsipìka. Natanjaka ireo rehetra ireo, lehilahy be herim-po.
[9]Ary Zera ilay Etiopiana tonga nanohitra azy ireo niaraka tamin'ny tafika miaramila iray tapitrisa sy kalesy telon-jato; tonga tany Maresa izy. [10]Dia nivoaka hitsena azy i Asa, ary nandamina ny laharan'ady tany an-dohasahan'i Zefata tany Maresa izy ireo. [11]Nitalao tamin'i Yaveh, Andriamaniny i Asa, ary nanao hoe: "Ry Yaveh, tsy misy afa-tsy Ianao no hanampy izay tsy manan-kery rehefa miatrika zavatra maro izy. Ampio izahay, ry Yaveh Andriamanitray, satria miantehitra Aminao izahay, ary amin'ny Anaranao no hahatongavanay hanohitra ireo maro be ireo. Ry Yaveh, Ianao no Andriamanitray; aza avela ho resin'ny olona Ianao."
[12]Ka dia namely ireo Etiopiana teo anatrehan'i Asa sy Joda i Yaveh; ka nandositra ireo Etiopiana. [13]Nanenjika azy ireo hatrany Jerara i Asa sy ireo miaramila niaraka taminy. Noho izany dia Etiopiana maro no lavo ka tsy afaka narovan'izy ireo, satria ringana tanteraka teo anatrehan'i Yaveh sy ny tafiny izy ireo. Nitondra babo maro be ny tafika. [14]Naringan'ny tafika ireo tanàna rehetra nanodidina an'i Jerara, satria tonga tamin'ireo mponina ny horohoron'i Yaveh. Nobaboin'ny tafika ireo tanàna rehetra, ka nisy babo maro tao amin'izy ireo. [15]Naringan'ireo tafika ihany koa ireo fonenan-dain'ireo mpiandry mpifindra monina; nitondra ondry maro, sy rameva izy ireo, ary avy eo niverina tany Jerosalema.

15 [1]Tonga tamin'i Azaria zanaka lahin'i Odeda ny fanahin'Andriamanitra. [2]Nivoaka hitsena an'i Asa izy ary nanao taminy hoe: "Henoy aho, ry Asa, sy Joda ary ny Benjamina rehetra: momba anareo Yaveh, raha miaraka aminy ianareo. Raha mitady Azy ianareo, dia ho hitanareo Izy; fa raha mahafoy Azy ianareo, dia hafoiny.
[3]Ary nandritry ny fotoana naharitra, dia tsy nanana ilay Andriamanitra marina ny Israely, tsy nanana mpisorona nampianatra, ary tsy nanana ny lalàna. [4]Fa rehefa nitodika tamin'i Yaveh, ilay Andriamanitr' Israely izy ireo tamin'ny androm-pahorian'izy ireo, ary nitady Azy, dia hitan'izy ireo Izy. [5]Tamin'izany fotoana izany dia tsy nisy fiadanana ho an'izay nandeha lavitra, na ho an'izay nandeha nankaty; fa kosa, fikorontanana lehibe no tamin'ireo mponin'ny tany rehetra.
[6]Potipotika izy ireo, firenena nanohitra firenena, ary tanàna nanohitra tanàna, satria nampijalian' Andriamanitra tamin'ireo karazana fijaliana rehetra izy ireo. [7]Fa mahereza, ary aza avela halemy ny tananareo, fa ho valiana soa ny asanareo."
[8]Rehefa ren'i Asa ireo teny ireo, ny faminanian'i Odeda mpaminany, dia nanana herim-po izy ary nanala ireo zavatra mahatsiravina hiala tamin'ny tanin'i Joda sy Benjamina rehetra, ary tamin'ireo tanàna izay babony avy tamin'ny tany havoan'i Efraima, ary namerina nanamboatra ny alitaran'i Yaveh izy, izay teo anoloan'ny lavarangan'ny tranon'i Yaveh.
[9]Nangoniny ny Joda sy Benjamina rehetra, sy ireo izay nijanona niaraka tamin'izy ireo—olona avy tamin'i Efraima sy

Manase, ary avy tamin'i Simeona. Fa maro an'isa izy ireo no nanatona azy avy any Israely, rehefa hitan'izy ireo fa nomba azy Yaveh Andriamaniny.
[10]Noho izany dia niara-niangona tao Jerosalema izy ireo tamin'ny fahatelon'ny volana, tamin'ny faha-dimy ambin'ny folo taona nanjakan'i Asa. [11]Nanao sorona ho an'i Yaveh tamin'ny sasany tamin'ireo babo izay nentin'izy ireo tamin'izany andro izany izy ireo: omby fiton-jato sy ondry aman'osy fito arivo.
[12]Nanao fifanekena mba hitady an'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razambeny izy ireo, tamin'ny fon'izy ireo manontolo sy tamin'ny fanahin'izy ireo manontolo. [13]Nanaiky izy ireo fa na iza na iza nandà ny hitady an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, dia tokony vonoina ho faty, na kely na lehibe ilay olona, na lahy na vavy.
[14]Nianiana tamin'i Yaveh tamin'ny feo avo, tamin'ny hiaka, sy tamin'ny trompetra ary anjomara izy ireo. [15]Niravoravo tamin'ilay fianianana ny Joda rehetra, satria nianiana tamin'ny fony manontolo izy ireo, ary nitady fatratra an'Andriamanitra, ka hitan'izy ireo Izy. Nomen'i Yaveh fiadanana ny manodidina azy ireo rehetra.
[16]Nesoriny tsy ho mpanjaka vavy ihany koa Imaka, renibeny, satria nanao sarin-javatra mahatsiravina tamin'ny baon'Aseraha izy. Notapahan'i Asa ilay sarin-javatra mahatsiravina, nohitsahany ho vovoka ary nodorany teo amin'ny lohasahan-driaka Kidrona izany. [17]Kanefa ireo fitoerana avo tsy nesorina tao Israely. Na izany aza, feno fanoloran-tena tanteraka ny fon'i Asa tamin'ny androny rehetra. [18]Nentiny tao an-tranon'i Yaveh ireo zavatry ny rainy sy ireo zavany manokana izay an'i Yaveh: volafotsy sy ireo zavatra volamena. [19]Tsy nisy ady intsony hatramin'ny fahadimy amby telo-polo taona nanjakan'i Asa.

16 [1]Tamin'ny fahenina amby telopolo taona nanjakan'i Asa, i Basa, mpanjakan'Israely, dia naneho herisetra nanohitra an'i Joda ary nanangana an'i Rama, mba tsy hamelany an'iza na iza hiala na hiditra ao amin'ny tanin'i Asa, mpanjakan'i Joda.
[2]Dia nitondra ny volafotsy sy volamena nivoaka ny efitrano fitehirizana tao amin'ny tranon'i Yaveh sy ny tranon'ny mpanjaka i Asa, ary nandefa izany tany amin'i Beni-hadada mpanjakan'i Syria, izay nipetraka tany Damaskosy. Hoy izy hoe: [3]"Aoka hisy fifanekena eo amiko sy aminao, toy ny nisian'izany teo amin'ny raiko sy ny rainao. Indro, nandefa volafotsy sy volamena taminao aho. Ravao ny fifanekenao amin'i Basa, mpanjakan'Israely, mba hahafahany mamela ahy irery."
[4]Nihaino an'i Asa Mpanjaka i Beni-adada ka nandefa ireo mpifehy ny tafiny hanohitra ireo tanànan'Israely. Nanafika an'i Iona, Dana, Abela-maima, ary ireo tanàna fitehirizan'i Naftaly rehetra izy ireo. [5]Ary rehefa nandre izany i Basa, dia najanony ny fananganana an'i Rama, ary nampitsahatra ny asany. [6]Ary nalain'i Asa Mpanjaka niaraka taminy ny Joda rehetra. Nentin'izy ireo ny vato sy ireo hazon'i Rama izay nananganan'i Basa ny tanàna. Dia nampiasain'i Asa nanorenana an'i Geba sy Mizpa izany fitaovana fananganana izany.
[7]Tamin'izany fotoana izany i Hanany mpahita nankany amin'i Asa, mpanjakan'i Joda, ka nanao taminy hoe: "Satria ianao niantehitra tamin'ny mpanjakan'i Syria, fa tsy niantehitra tamin'i Yaveh Andriamanitrao, dia nitsoaka avy eo an-tananao ny tafiky ny mpanjakan'i Syria. [8]Moa ve ireo Etiopiana sy ireo Lobita tsy tafika lehibe, miaraka amin'ny kalesy sy mpitaingin-tsoavaly tena maro? Kanefa, satria ianao niantehitra tamin'i Yaveh, dia nanome anao ny fandresena teo amin'izy ireo Izy.
[9]Fa ny mason'i Yaveh dia mandeha eny rehetra eny manerana ny tany manontolo, mba hahafahany maneho ny tenany ho mahery ho an'ireo izay manana fo tonga lafatra manoloana Azy. Fa nanao adalana tamin'izany zavatra izany ianao. Koa manomboka eto, dia hanana ady ianao." [10]Ary dia tezitra tamin'ilay mpahita i Asa; nogadrainy izy, satria tezitra taminy noho izany zavatra izany izy. Tamin'izany fotoana izany ihany, dia nampahory ny sasany tamin'ireo vahoaka i Asa.
[11]Indro, ireo asan'i Asa, hatramin'ny voalohany hatramin'ny farany, dia indro, efa voasoratra ao amin'ny bokin'ireo mpanjakan'i Joda sy Israely ireo. [12]Tamin'ny fahasivy amby telopolo taona nanjakany, dia narary ny tongotr'i Asa; nahery vaika tokoa ny aretiny. Na izany aza anefa, dia tsy nitady fanampiana avy tamin'i Yaveh izy, fa tamin'ireo mpitsabo ihany.
[13]Nodimandry tany amin'ireo razambeny i Asa; maty tamin'ny fahiraika amby efapolo taona nanjakany izy. [14]Nalevin'izy ireo tao amin'ny fasany ihany izy, izay nohadiany ho azy tao amin'ny tanànan'i Davida. Nampandrian'izy ireo teo ambony fandriana feno fofona manitra sy karazana zava-manitra nomanin'ireo mpahay zava-manitra izy. Ary nanao afo lehibe izy ireo mba ho voninahitra ho azy.

17 [1]Josafata zanaka lahin'i Asa dia tonga mpanjaka nandimby azy. Nampatanjaka ny tenany hanohitra an'Israely i Josafata. [2]Nametraka tafika tamin'ireo tanàna mimandan'i Joda rehetra izy, ary nametraka miaramila tany amin'ireo tanin'i Joda sy tany amin'ireo tanànan'i Efraima, izay nobaboin'i Asa rainy.
[3]Nomba an'i Josafata i Yaveh satria nandeha tamin'ireo lalan'i Davida rainy voalohany izy, ary tsy nitady ireo Bala. [1][4]Fa kosa, nahatoky an'ilay Andriamanitry ny rainy izy, ary nandeha tamin'ireo didiny, fa tsy mba tamin'ny fitondran-tenan' Israely.
[5]Koa napetrak'i Yaveh teo an-tanany ny fanapahana; nanome voninahitra an'i Josafata ny Joda rehetra. Nanana harena sy voninahitra be izy. [6]Ny fony dia natao ho an'ireo lalan'i Yaveh. Nanala ireo fitoerana avo sy ny baon'Aseraha tany Joda ihany koa izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Tamin'ny taona fahatelo nanjakany dia naniraka an'i Benaila, Obadia, Zakaria, Netanela ary i Mikaia manam-pahefany izy, mba hampianatra any amin'ireo tanànan'i Joda. [8]Niaraka tamin'izy ireo koa ireo Levita: dia i Semaia, Netania, Zebadia, Asahela, Semiramota, Jonatana, Adonia, Tobia, ary Tob-adonia; ary niaraka tamin'izy ireo i Elisama sy Jorama mpisorona. [9]Nampianatra tany Joda izy ireo, ary nanana ny bokin'ny lalàn'i Yaveh niaraka taminy. Nandeha nanerana ny tanànan'i Joda rehetra izy ireo ary nampianatra teo amin'ny vahoaka.
[10]Nirotsaka tamin'ireo fanjakan'ny tany rehetra izay nanodidina an'i Joda ny horohoro an'i Yaveh, mba tsy hiantsian'izy ireo ady amin'i Josafata. [11]Ny Filistina sasany nitondra fanomezana ho an'i Josafata, sy volafotsy ho fanomezam-boninahitra. Ireo Arabo koa dia nitondra ondry aman'osy ho azy, ondrilahy 7 700 ary osilahy 7 700.
[12]Tonga tena nahery i Josafata. Nanorina fiarovana mafy sy tanàna fitehirizana tao Joda izy. [13]Izy dia nanana fitaovana maro tao an-tanànan'i Joda, sy miaramila—matanjaka, lehilahy mahery fo—tany Jerosalema.
[14]Ireto ny lisitr'izy ireo, milahatra araka ireo anaran'ny ankohon-drain'izy ireo: avy any Joda, ireo mpifehy ny an'arivony; Adna mpifehy, ary niaraka taminy ny lehilahy mpiady 300 000; [15]tao aoriany i Johanana mpifehy, ary niaraka taminy ny lehilahy 280 000; [16]tao aoriany i Amasia zanaka lahin'i Zikry, izay nanolo-tena hanompo an'i Yaveh; ary niaraka taminy ny lehilahy mpiady 200 000. [17]Avy amin'i Benjamina: dia i Eliada lehilahy natanjaka tamin'ny herim-po, ary niaraka taminy ny mitam-piadiana 200 000 niaraka tamin'ireo tsipìka sy ireo ampinga; [18]manaraka azy i Jozabada, ary niaraka taminy ireo 180 000 vonona ho amin'ny ady. [19]Ireo no nanompo ny mpanjaka, ankoatra ireo izay napetraky ny mpanjaka tamin'ireo tanàna mimanda nanerana an'i Joda rehetra.

---

[a]Fanamarihana: ireo dikanteny sasany taloha tsy misy hoe: "Davida", ary ireo dikanteny sasany amin'izao fotoana mamela izany.

---

18 [1]Ary Josafata nanana harena sy voninahitra be; izy dia nihavana tamin'i Ahaba tamin'ny nanambadian'ny iray tao amin'ny fianakaviany ny zanany vavy. [2]Taona maromaro taty aoriana, dia nidina tany amin'i Ahaba tany Samaria izy. Namono ondry aman'osy maro ho azy sy ireo olona niaraka taminy i Ahaba. Nandresy lahatra azy mba hanafika an'i Ramota Gileada hiaraka aminy koa Ahaba. [3]Hoy Ahaba, mpanjakan'Israely, tamin'i Josafata, mpanjakan'i Joda hoe: "Handeha hiaraka amiko ho any Ramota Gileada ve ianao?" Namaly azy Josafata hoe: "Toa anao ihany aho, ary ny vahoakako dia toy ny vahoakanao; hiaraka aminareo any amin'ny ady izahay."
[4]Hoy Josafata tamin'ny mpanjakan'Israely hoe: "Mba tadiavo aloha ny tenin'i Yaveh ho amin'ny valin-teninao." [5]Avy eo ny mpanjakan'Israely nampivory ireo mpaminany, lehilahy efa-jato, ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Tokony handeha hiady any Ramota Gileada ve isika, sa tsia? Hoy izy ireo hoe: "Tafiho, fa Andriamanitra hanome izany eo an-tanan'ny mpanjaka."
[6]Saingy hoy Josafata hoe: "Tsy mbola misy mpaminan'i Yaveh hafa izay afaka hangalantsika hevitra ve eto?" [7]Hoy ny mpanjakan'Israely tamin'i Josafata hoe: "Mbola misy lehilahy iray izay afaka hangalantsika ny hevitr'i Yaveh, dia Mikaia zanaka lahin'i Jimla, saingy halako izy satria tsy naminany tsara nahakasika ahy mihintsy izy, fa ratsy foana." Fa hoy Josafata hoe: "Tsy tokony hiteny izany ny mpanjaka." [8]Avy eo niantso manam-pahefana ny mpanjakan'Israely ary niteny hoe: "Ento faingana i Mikaia zanaka lahin'i Jimla."
[9]Ary samy nipetraka tamin'ny seza fiandrianana avy i Ahaba mpanjakan'Israely sy Josafata mpanjakan'i Joda, nitafy ny akanjo lavan'izy ireo, teo amin'ny toerana malalaka anoloan'ny fidirana ny vavahadin'i Samaria, ary ny mpaminany rehetra dia naminany teo anatrehan'izy ireo. [10]Zedekia zanaka lahin'i Kenana dia nanamboatra tandroka vy ho an'ny tenany ary niteny hoe: "Izao no lazain'i Yaveh: Amin'ireo no hanotoanao ireo Syriana mandra-pahalevon'izy ireo."
[11]Nitovy faminaniana ireo mpaminany rehetra, nanao hoe: "Tafiho Ramota Gileada ary reseo, fa efa nomen'i Yaveh teo an-tanan'ny mpanjaka izany."
[12]Ilay iraka izay nandeha niantso an'i Mikaia niteny taminy, nanao hoe: "Indro izao, ny tenin'ireo mpaminany dia manambara zavatra tsara amin'ny mpanjaka amin'ny feo tokana. Aoka ny teninao ho toy ny tenin'ny iray amin'izy ireo ary hiteny zavatra tsara." [13]Namaly Mikaia hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh, dia izay zavatra lazain'Andriamanitra no hambarako." [14]Rehefa tonga tany amin'ny mpanjaka izy, dia hoy ilay mpanjaka taminy hoe: "Ry Mikaia, tokony andeha hiady any Ramota Gileada ve isika, sa tsia?" Namaly azy Mikaia hoe: "Tafiho ary mandrese! Fa ho fandresena lehibe izany."
[15]Avy eo ny mpanjaka niteny taminy hoe: "Impiry no hampianianako anao tsy hilaza afa-tsy ny marina amiko amin'ny anaran'i Yaveh?" [16]Ka dia hoy Mikaia hoe: "Nahita ny Israely rehetra niparitaka teny amin'ireo tendrombohitra aho, tahaka ny ondry tsy misy mpiandry, ary hoy Yaveh hoe: 'Tsy manana mpiandry ondry ireo. Aoka ny lehilahy rehetra hiverina am-pahatoniana any an-tranony.'"
[17]Noho izany dia hoy ny mpanjakan'Israely tamin'i Josafata hoe: "Tsy efa niteny anao ve aho fa izy dia tsy haminany soa mahakasika ahy, fa loza ihany?" [18]Avy eo dia hoy Mikaia hoe: "Noho izany ianareo rehetra dia tokony hihaino ny tenin'i Yaveh: Nahita an'i Yaveh nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany aho, ary ny miaramilan'ny lanitra rehetra nijoro teo an-kavanany sy teo an-kaviany.
[19]Hoy Yaveh hoe: 'Iza no hitaona an'i Ahaba, mpanjakan'Israely, mba hahafahany hiakatra any Ramota Gileada ary ho lavo any?' Ny iray niteny izao ary ny hafa niteny izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Taorian'izay dia nisy fanahy nandroso ary nijoro teo anoloan'i Yaveh sy niteny hoe: 'Hitaona azy aho' Hoy Yaveh taminy hoe: 'Amin'ny fomba ahoana?' [21]Dia namaly ilay fanahy hoe: 'Hivoaka aho ary ho tonga fanahy mpandainga ao am-bavan'ireo mpaminaniny rehetra.' Namaly Yaveh hoe: 'Hitaona Azy ianao, ary hahomby koa ianareo. Koa ankehitriny mandehana ary ataovy izany.'
[22]Indro ary ankehitriny, Yaveh nametraka fanahy mpandainga tao am-bavan'ireo mpaminaninao ireo, ary Yaveh nandidy loza ho anareo."
[23]Dia tonga i Zekedia zanaka lahin'i Kenana, namelaka ny takolak'i Mikaia, ary niteny hoe: "Taiza ny lalana nialan'ny Fanahin'i Yaveh tamiko mba hiresaka aminao?" [24]Hoy Mikaia hoe: "Indro, ho fantatrao izany amin'izany andro izany, rehefa mihazakazaka hiafina any amin'ny efitrano anatiny sasany ianao."
[25]Niteny tamin'ny mpanompo sasany ny mpanjakan'Israely hoe: "Samborinareo vahoaka i Mikaia ary ento ho any Amona, ilay governoran'ny tanàna izy, sy any amin'i Joasy, zanako lahy. [26]Ianareo vahoaka hiteny aminy hoe: 'Hoy ny mpanjaka hoe: ampidiro any am-ponja io lehilahy io ary fahano mofo sy rano kely izy, mandra-piveriko soa aman-tsara.'" [27]Avy eo Mikaia niteny hoe: "Raha tafaverina soa aman-tsara ianao, dia tsy niteny tamin'ny alalako Yaveh." Dia mbola nampiany hoe: "Henoy izany, ianareo ry vahoaka rehetra."
[28]Koa dia niakatra hanohitra an'i Ramota Gileada i Ahaba, mpanjakan'Israely, sy Josafata, mpanjakan'i Joda. [29]Hoy ny mpanjakan'Israely tamin'i Josafata hoe: "Hiova tava aho ary handeha ho amin'ny ady, fa hanaovy ny akanjo lavan'ny mpanjaka." Koa dia niova nanao olon-kafa ny mpanjakan'Israely, ary nandeha tany amin'ny ady izy ireo. [30]Ary ny mpanjakan'i Syria dia nandidy ireo kapitenin'ireo kalesiny, nanao hoe: "Aza manafika ireo miaramila manan-kaja na tsy manan-kaja. Fa kosa, ny mpanjakan'Israely ihany no tafiho."
[31]Ary rehefa nahita an'i Josafata ireo kapitenin'ny kalesy dia hoy izy ireo hoe: "Iny ny mpanjakan'Israely." Niverina mba hanafika azy izy ireo, saingy nihiaka mafy Josafata, ary namonjy azy Yaveh. Navadik'Andriamanitra niala taminy izy ireo.
[32]Ary rehefa hitan'ireo mpifehy ny kalesy fa tsy ny mpanjakan'Israely ilay izy, dia niverina tamin'ny fanenjehana azy izy ireo.
[33]Saingy nisy lehilahy iray nisintona ny zana-tsipìkany ary nitifitra ny mpanjakan'Israely teo anelanelan'ny fifandraisan'ny fiarovany. Avy eo Ahaba niteny tamin'ny mpitondra kalesiny hoe: "Mitodiha ary ento mivoakan'ny ady aho, fa maratra mafy." [34]Niharatsy ny ady tamin'io andro io, ary ny mpanjakan'Israely dia niandry tao amin'ny kalesiny nifanandrify tamin'ireo Syriana mandra-paharivan'ny andro. Mandra-pilentiky ny masoandro, dia maty izy.

19 [1]Niverina soa aman-tsara tany an-tranony tany Jerosalema i Josafata mpanjakan'i Joda. [2]Avy eo Jeho zanaka lahin'i Hanana, ilay mpahita, nivoaka hitsena azy ka niteny tamin'i Josafata Mpanjaka hoe: "Tokony hanampy ny ratsy fanahy ve ianao? Tokony hitia ireo izay mankahala an'i Yaveh ve ianao? Noho izany asa izany, dia ao aminao ny hatezerana avy amin'i Yaveh. [3]Na izany aza, dia mbola misy tsara hita ao anatinao, fa nesorinao hiala ny tany ireo baon'Aseraha, ary efa nanefy ny fonao hitady an'Andriamanitra ianao."
[4]Nonina tao Jerosalema i Josafata; ary nivoaka hitety ny vahoaka indray izy hatrany Beriseba ka hatrany amin'ny tany havoan'i Efraima ka nitondra azy ireo niverina tany amin'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razamben'izy ireo. [5]Nametraka mpitsara tany amin'ny tany nanerana ireo tanàna mimanda rehetra tany Joda izy, isaky ny tanàna.
[6]Hoy izy tamin'ireo mpitsara hoe: "Hevero izay tokony hataonareo, satria tsy mitsara ho an'olona ianareo, fa ho an'i Yaveh; momba anareo Izy amin'ny asam-pitsarana. [7]Koa ankehitriny, aoka ho aminareo ny tahotra an'i Yaveh. Mitandrema rehefa mitsara ianareo, fa tsy mba misy heloka amin'i Yaveh Andriamanitsika, na fizahan-tavan'olona na fandraisana kolikoly."
[8]Koa, nanendry ny sasany tamin'ireo Levita sy ireo mpisorona, ary ny sasany tamin'ireo mpitarika ny tranon-drazan'Israely tao Jerosalema i Josafata, ho amin'ny fanatanterahana ny fitsarana ho an'i Yaveh, ary ho amin'ireo fifandirana. Nitoetra tao Jerosalema izy ireo. [9]Nampianatra azy ireo izy, nanao hoe: "Tokony hanompo an'i Yaveh am-panajana, am-pahatokiana, ary amin'ny fonareo manontolo ianareo.
[10]Na oviana na oviana tonga aminareo ny fifandirana amin'ireo rahalahinareo izay monina any amin'ny tanànan'izy ireo, na mahakasika ny fandatsahan-drà, na momban'ireo didy aman-dalàna, dia ampitandremo izy ireo, mba tsy ho tonga meloka eo anatrehan'i Yaveh izy ireo, raha tsy izany dia ho tonga aminareo sy amin'ireo rahalahinareo ny hatezerana. Izany no tokony hataonareo mba tsy ho meloka ianareo.
[11]Indro, Amaria mpisoronabe no eo aminareo amin'ny raharahan'i Yaveh rehetra. Zebadia zanaka lahin'Ismaela, mpitarika ny taranak'i Joda, no miandraikitra ny raharahan'ny mpanjaka rehetra. Ireo Levita ihany koa dia ho manam-pahefana hanompo anareo. Mahereza ka araho ireo torolalanareo ireo, ary Yaveh anie homba an'ireo izay tsara."

20 [1]Ary taorian'izany, dia tonga nanohitra an'i Josafata ireo vahoakan'i Moaba sy Amona, ary niaraka tamin'izy ireo ny Monita sasany. [1] [2]Dia tonga ny sasany niteny tamin'i Josafata, nanao hoe: "Maro be ireo ho tonga hanohitra anao avy any an-dafin'ny Ranomasina Maty, avy any Edoma. Indro, ao Hazezon-tamara izy ireo," izay Enjedy. [2]
[3]Lasa natahotra sy nampizaha ny tenany mba hizaha an'i Yaveh i Josafata. Nanambara fifadian-kanina eran'i Joda rehetra izy. [4]Niara-niangona hitady an'i Yaveh ny Joda rehetra; tonga hitady an'i Yaveh tany amin'ireo tanànan'i Joda rehetra izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Ary Josafata nitsangana teo amin'ny fiangonan'i Joda sy Jerosalema, tao an-tranon'i Yaveh, teo anoloan'ny kianja vaovao.
[6]Hoy izy hoe: "Ry Yaveh, ilay Andriamanitr'ireo razambenay, tsy ianao ve no Andriamanitry ny lanitra? Tsy Ianao ve no mpanapaka eo amin'ireo fanjakan'ny firenena rehetra? Ny hery sy ny fahefana dia eo an-tananao, koa tsy misy afaka hahatohitra anao. [7]Ry Andriamanitray, tsy ianao ve no nandroaka ny mponina teto amin'ity tany ity nanoloana an'Israely olonao, sy nanome izany mandrakizay ho an'ireo taranak'i Abrahama?
[8]Nonina tao amin'izany sy nanorina fitoerana masina tao ho an'ny anaranao izy ireo, nanao hoe: [9]"Raha tonga eto aminay ny loza—ny sabatra, ny fitsaràna, na aretina, na mosary—dia hitsangana eo anoloan'ity tranony ity, sy eo anoloanao izahay (fa ato amin'ny ity trano ity ny anaranao), ary hitomany Anao izahay amin'ny fahorianay, ka handre sy hamonjy anay Ianao.' [3]
[10]Ary indro, indreo ary ireo vahoakan'i Amona, Moaba, ary ny tendrombohitra Seira izay tsy navelanao ho tafihan'Israely rehefa nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta izy ireo; fa kosa, niala tamin'izy ireo ny Israely ary tsy nandrava azy ireo.
[11]Indro ny fomba hanonerany antsika; tonga handroaka antsika hiala ao amin'ny taninao izay nomenao ho lovanay izy ireo.
[12]Ry Andriamanitray o, tsy hitsara azy ireo ve Ianao? Fa tsy manana hery hanoherana izany tafika lehibe tonga hanohitra anay izany izahay. Tsy fantatray izay tokony hatao, fa ny masonay dia any aminao." [13]Nitsangana teo anoloan'i Yaveh ny Joda rehetra, niaraka tamin'ireo madinik'izy ireo, ireo vadiny, sy ireo zanany.
[14]Dia teo afovoan'ny fiangonana, no tonga tamin'i Jahaziela, zanak'i Zakaria, zanak'i Benaia, zanak'i Jeiela, zanak'i Matania, ilay Levita, iray tamin'ireo zanak'i Asafa ny fanahin'i Yaveh. [15]Hoy Jahaziela hoe: "Henoy, ry Joda rehetra sy ny mponin'i Jerosalema, ary ry Josafata mpanjaka. Izao no lazain'i Yaveh aminareo hoe: 'Aza matahotra; aza kivy noho izany tafika lehibe izany, fa tsy ho anareo ny ady, fa ho an'Andriamanitra.
[16]Tsy maintsy hidina hanohitra azy ireo ianareo rahampitso. Indro, hiakatra amin'ny lalàna mandalo any Ziza izy ireo. Hahita azy ireo eo amin'ny faran'ny lohasaha ianareo, eo alohan'ny efitr'i Jeroela. [17]Tsy mila miady amin'izany ady izany ianareo. Mijoroa eo amin'ny fitoeranareo, mijanona, ka jereo ny famonjen'i Yaveh anareo, ry Joda sy Jerosalema. Aza matahotra na kivy. Mivoaha hanohitra azy ireo rahampitso, fa Yaveh homba anareo.'"
[18]Nampiankohoka ny tavany teo amin'ny tany i Josafata. Ny Joda rehetra sy ny mponin'i Jerosalema dia niondrika teo anoloan'i Yaveh, nihoby azy. [19]Ireo Levita, sy ireo taranaky ny Kehatita sy Koraita, nitsangana mba hidera an'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny Israely, tamin'ny feo mahery.
[20]Vao maraina be dia nitsangana izy ireo ka nivoaka nankany amin'ny efitr'i Tekoa. Raha nivoaka iny izy ireo, dia nitsangana Josafata ary niteny hoe: "Mihainoa ahy, ry Joda, sy ianareo mponin'i Jerosalema! Minoa an'i Yaveh Andriamanitrareo, dia ho tohanana ianareo. Matokia an'ireo mpaminaniny, dia hahomby hianareo." [21]Rehefa nanontany ny olona Izy, dia nanendry ireo tokony hihira ho an'i Yaveh sy hidera Azy nohon'ny voninahiny masina Izy, raha nivoaka nialoha ny tafika izy ireo, ary nanao hoe: "Misaora an'i Yaveh, fa maharitra mandrakizay ny famin-dram-pony."
[22]Rehefa nanomboka nihira sy nanompo izy ireo, dia nametraka lehilahy hamely tampoka ny vahoakan'i Amona, sy Moaba, ary ny tendrombohitra Seira, izay avy hanohitra an'i Joda i Yaveh. Ary dia resy izy ireo. [23]Dia nitsangana hiady hanohitra ny mponina avy ao an-tendrombohitra Seira ny vahoakan'i Amona sy Moaba, mba hamono tanteraka sy handringana azy ireo. Rehefa vitan'izy ireo ny amin'ny mponina ao an-tendrombohitra Seira, dia hifandringana izy ireo.
[24]Raha tonga teo amin'ny toerana fitazanana ny efitra ny Joda, dia nijery ny tafika izy ireo. Indro, efa maty izy ireo, lavo tamin'ny tany; tsy nisy afa-nandositra.
[25]Raha tonga handroba teo amin'izy ireo Josafata sy ny vahoakany, dia nahita zavatra maro be, akanjo, sy fitaovana sarobidy, izay nalainy ho azy ireo, mihoatra noho izay azon'izy ireo nentina. Naharitra hateloana ny fandroban'izy ireo, fa be loatra izany no teo. [4] [26]Tamin'ny andro fahefatra dia nivory teo amin'ny Lohasahan'i Bereka izy ireo. Tany no nideran'izy ireo an'i Yaveh, ka natao hoe "Lohasahan'i Bereka" ny anaran'izany toerana izany mandrak'androany.
[27]Dia niverina izy ireo, ny olona rehetra tao Joda sy Jerosalema, ary tao amin'ny fitarihan'izy ireo i Josafat, mba handeha hankany Jerosalema am-pifaliana indray, fa Yaveh efa nampifaly azy ireo teo amin'ireo fahavalony. [28]Tonga tany Jerosalema sy tao an-tranon'i Yaveh niaraka tamin'ireo lokanga, valiha, ary trompetra izy ireo.
[29]Ny horohoron'Andriamanitra dia teo amin'ireo fanjakan'ny firenena rehetra raha nandre izy ireo fa Yaveh dia niady hanohitra ireo fahavalon'Israely. [30]Ka dia nangina ny fanjakana'i Josafata, satria nanome fiadanana azy nanodidina azy rehetra ny Andriamaniny.
[31]Nanjaka teo amin'ny Joda i Josafata: dimy amby telo-polo taona izy raha nanomboka nanjaka, ary nanjaka dimy amby roa-polo taona tao Jerosalema izy. Ny anaran-dreniny dia Azoba, zanaka vavin'i Sily. [32]Nandeha tamin'ireo lalan'i Asa rainy izy; ary tsy niala tamin'ireny; nanao izay marina teo imason'i Yaveh izy. [33]Na izany aza, tsy noravana ireo fitoerana avo. Ny vahoaka dia tsy mbola nitarika ny fon'izy ireo ho amin'ilay Andriamanitry ny razamben'izy ireo.
[34]Ary raha ny amin'ireo zavatra hafa mahakasika an'i Josafata, voalohany sady farany, indro, izy ireo dia efa voasoratra ao amin'ny tantaran'i Jeho zanak'i Hanany, izay voarakitra an-tsoratra ao amin'ny bokin'ireo mpanjakan'Israely.
[35]Ary taorian'izany Josafata, mpanjakan'i Joda dia niray hina tamin'i Ahazia, mpanjakan'Israely, izay nanao faharatsiana maro. [36]Niray hina taminy izy mba hanamboatra sambo handehanana any Tarsisy. Tao Ezion-gabera no nanamboaran'izy ireo ny sambo. [37]Ary Eliezera zanak'i Dodavaho avy any Maresa, dia naminany hamely an'i Josafata; hoy izy hoe: "Satria efa niray hina tamin'i Ahazia ianao, dia noravain'i Yaveh ireo tetikasanao." Nirendrika ilay sambo ka tsy afaka niondrana an-tsambo izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Ny famakiana hoe "Monita sasany" maneho fanitsiana ny lahatsoratra Hebreo izay mivaky hoe: "Amonita sasany". Noheverina fa "Monita" no dika-teny voalohany ary izany dia nosoloin'ny mpanao dika soratra hoe "Amonita sasany". Nefa ity famakiana farany dia toa tsy misy heviny, satria ny Amonita dia efa voalaza tao amin'io andininy io. Na izany aza dia dika-teny samihafa no nifanarahana tamin'ny fomba maro tamin'izany olana izany.
[2]Fanamarihana: Raha tokony hoe "Edoma", ireo dika-teny sasany fahiny sy vaovao dia mivaky hoe: "Syria".
[3]Fanamarihana: Raha tokony hoe "fitsaràna", ireo dika-teny sasany fahiny sy vaovao mivaky hoe "Tondra-drano".
[4]Fanamarihana: Raha tokony hoe "teo amin'izy ireo", ireo dika-teny sasany fahiny sy vaovao mivaky hoe "biby fiompy". Raha tokony hoe "fitafiana", ireo dika-teny fahiny sy vaovao mivaky hoe "Faty".

21 [1]Nodimandry tany amin'ireo razambeny i Josafata ary nalevina niaraka tamin'izy ireo tao amin'ny tanànan'i Davida;
Jehorama, zanany lahy, no tonga mpanjaka nandimby ny toerany. [2]Nanana rahalahy i Jehorama, zanak'i Josafata: dia
Azaria, Jehiela, Zakaria, Azaria, Mikaela, ary Sefatia. Zanaka lahin'i Josafata, mpanjakan'Israely avokoa ireo. [3]Nanolotra
fanomezana volafotsy, volamena, ary zava-tsarobidy hafa maro dia maro, ary tanàna mimanda tany Joda ho azy ireo
ihany koa ny rainy, saingy nomeny an'i Jehorama ny seza fiandrianana, satria izy no lahimatoany.
[4]Ary rehefa nitsangana teo amin'ny fanjakan-drainy i Jehorama ka nametraka mafy ny tenany ho mpanjaka, dia
novonoiny tamin'ny sabatra ireo rahalahiny rehetra, sy ireo mpitarik'Israely samihafa ihany koa. [5]Roa amby telopolo
taona i Jehorama raha nanomboka nanjaka, ary nanjaka nandritry ny valo taona tao Jerosalema izy.
[6]Nandeha tamin'ny lalan'ireo mpanjakan'Israely izy, tahaka ny nataon'ny taranak'i Ahaba, fa ny zanaka vavin'i Ahaba no
vadiny, ary nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy. [7]Kanefa, tsy naniry ny handringana ny taranak'i Davida i Yaveh,
nohon'ny amin'ilay fanekena izay nataony tamin'i Davida; efa nampanantena ny hanome fiainana ho azy sy ireo
taranany lalandava Izy.
[8]Tamin'ny andron'i Jehorama, dia nikomy hiala tamin'ny fifehezan'i Joda i Edoma, ka nametraka mpanjaka ho eo amin'izy
ireo. [9]Dia niampita niaraka tamin'ireo mpifehiny sy ireo kalesiny rehetra i Jehorama. Andro alina no niaingany sy
niadiany tamin'ireo Edomita izay nanodidina azy sy mpifehy ny kalesiny. [10]Koa efa nikomy tamin'ny fifehezan'i Joda
mandrak'ankehitriny i Edoma. Nikomy hiala tamin'ny fifehezany niaraka tamin'izany ihany koa i Libna, satria Jehorama
efa nahafoy an'i Yaveh, Andriamanitr'ireo razambeny.
[11]Fanampin'izany, dia nanorina fitoerana avo tany amin'ireo tendrombohitr'i Joda ihany koa i Jehorama, ka nampiaina ny
mponin'i Jerosalema tahaka ny mpivaro-tena, ary nitondra an'i Joda hania.
[12]Nisy taratasy avy tamin'i Elia mpaminany tonga tany amin'i Jehorama. Izao no nambaran'izany: "Izao no lazain'i Yaveh,
ilay Andriamanitr'i Davida, razambenao: Satria tsy nandeha tamin'ny lalan'i Josafata, rainao ianao, na tamin'ireo lalan'i
Asa, mpanjakan'i Joda, [13]fa efa nandeha tamin'ny lalan'ireo mpanjakan'Israely kosa, ary nahatonga an'i Joda sy ireo
mponin'i Jerosalema hiseho toy ny mpivaro-tena, tahaka ny nataon'ny taranak'i Ahaba—ary satria efa novonoinao
tamin'ny sabatra ihany koa ireo rahalahinao tao amin'ny fianakavian-drainao, dia ireo lehilahy tsara noho ny tenanao
[14]indro, Yaveh hamely anao, ireo zanakao, sy ireo vadinao, ary ny harenao rehetra amin'ny areti-mandringana lehibe.
[15]Ianao mihitsy no harary mafy nohon'ny aretina ao amin'ny tsinainao, ambaram-pahavoa ny tsinainao noho ilay aretina,
isan'andro isan'andro."
[16]Dia nampientana ny fanahin'ireo Filistina sy ireo Arabo izay nanakaiky an'ireo Etiopiana hanohitra an'i Jehorama i
Yaveh. [17]Namely an'i Joda izy ireo, nanafika izany, ary naka ireo harena rehetra izay hita tao an-tranon'ny mpanjaka.
Nalain'izy ireo ihany koa ireo zanany lahy sy ireo vadiny. Tsy nisy zanaka lahy tavela ho azy afa-tsy i Jehoaza, zanany
faralahy.
[18]Taorian'izany rehetra izany, dia namely azy tao amin'ny tsinainy tamin'ny aretina tsy hay sitranina i Yaveh. [19]Ary
tamin'ny fotoana voatondro, afaka roa taona, dia lavon'ny aretiny ny tsinainy, ary maty nohon'ny aretina namaivay izy.
Tsy nandrehitra afo ho voninahiny araka ny nataon'izy ireo ho an'ny razambeny ny vahoakany. [20]Nanomboka nanjaka izy
tamin'ny faharoa amby telopolo taonany; nanjaka tao Jerosalema nandritry ny valo taona izy, ary maty tsy nisy
mpitomany. Nalevin'izy ireo tao amin'ny tanànan'i Davida izy, fa tsy tao amin'ny fasan'ny mpanjaka.

22 [1]Ireo mponin'i Jerosalema dia nanao an' i Ahazia, faralahin'i Jehorama, ho mpanjaka handimby azy, fa ny tarik'ireo
lehilahy izay niaraka tamin'ireo Arabo niditra tao amin'ny toby dia namono ireo zanany lahy lehibe rehetra. Ka dia
Ahazia zanaka lahin'i Jehorama, mpanjakan'i Joda, no tonga mpanjaka. [2]Roa amby efa-polo taona i Ahazia raha
nanomboka nanjaka; nanjaka herintaona tao Jerosalema izy. Atalia no anaran-dreniny; zanaka vavin'i Omry izy.
[3]Nandeha tamin'ny lalan'ny taranak'i Ahaba ihany koa izy satria ny reniny no mpanolotsaina azy tamin'ny fanaovan-
dratsy.
[4]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh i Ahazia, tahaka izay nataon'ny taranak'i Ahaba, satria izy ireo no mpanolotsainy
taorian'ny nahafatesan-drainy, ho amin'ny faharavany. [5]Nanaraka ny torohevitr'izy ireo ihany koa izy; nandeha niaraka
tamin'i Jorama zanaka lahin'i Ahaba, mpanjakan'Israely izy, mba hiady amin'i Hazaela, mpanjakan'i Syria, tany Ramota-
gileada. Nandratra an'i Jorama ireo Syriana.
[6]Niverina tany Jezirela i Jorama mba hanasitranana ny ratra izay nataon'izy ireo taminy tany Rama, tamin'izy niady
tamin'i Hazaela, mpanjakan'i Syria. Ka dia nidina tany Jezirela i Ahazia zanaka lahin'i Jehorama, mpanjakan'i Joda, mba
hijery an'i Jorama zanaka lahin'i Ahaba, satria naratra i Jorama.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Ary ny faharavan'i Ahazia dia nentin'Andriamanitra tamin'ny famangian'i Ahazia an'i Jorama. Rehefa tonga izy, dia niaraka tamin'i Jehorama mba hanafika an'i Jeho zanaka lahin'i Nimsy, izay efa nofidian'i Yaveh handrava ny taranak'i Ahaba. [8]Ary rehefa nanatanteraka ny fitsaran'Andriamanitra teo amin'ny taranak'i Ahaba i Jeho, dia nahita ireo mpitarika an'i Joda sy ireo zanaka lahin'ny rahalahin'i Ahazia nanompo an'i Ahazia izy. Novonoin'i Jeho izy ireo.
[9]Nitady an'i Ahazia i Jeho; nosamborin'izy ireo tao am-pierena tao Samaria izy, nentina tany amin'i Jeho, ka novonoina izy. Avy eo nalevin'izy ireo izy, fa hoy izy ireo hoe: "Izy dia zanaka lahin'i Josafata, izay nitady an'i Yaveh tamin'ny fony rehetra." Ary dia tsy nanana fahefana hanapaka ny fanjakana intsony ny taranak'i Ahazia.
[10]Ary rehefa hitan'i Atalia, renin'i Ahazia fa maty ny zanany lahy, dia nitsangana izy ary namono ireo zanak'andriana rehetra tao amin'ny taranak'i Joda. [11]Kanefa i Joseba, zanaka vavin'ny mpanjaka, naka an'i Joasy, zanaka lahin'i Ahazia, ary nanala azy teo amin'ireo zanaka lahin'ny mpanjaka izay novonoina. Napetrany tao amin'ny efitrano fatoriana izy sy ny mpitaiza azy. Ary Joseba, zanaka vavin'i Jehorama Mpanjaka, vadin'i Jehoiada mpisorona (fa anabavin'i Ahazia izy), nanafina azy tamin'i Atalia, mba tsy hamonoan'i Atalia azy. [12]Niara-niery tamin'izy ireo tao an-tranon'Andriamanitra nandritry ny enin-taona izy, raha mbola i Atalia no nanjaka teo amin'ny tany.

23 [1]Tamin'ny taona faha-fito, dia nampiseho ny heriny i Joiada ary nanao fifanekena tamin'ireo mpifehy ny an-jatony, dia Azaria zanaka lahin'i Jerohama, Isimaela zanaka lahin'i Johanana, Azaria zanaka lahin'i Obeda, Mahaseia zanaka lahin'i Adaia, ary Elisafata zanaka lahin'i Zikri. [2]Nankany Joda izy ireo ary nanangona ireo Levita avy amin'ireo tanànan'i Joda rehetra, sy ireo loham-pianakavian'Israely, ary tonga tao Jerosalema izy ireo. [3]Nanao fifanekena tamin'ny mpanjaka tao an-tranon'Andriamanitra ny fiangonana rehetra. Hoy Joiada tamin'izy ireo hoe: "Indro, hanjaka ny zanaka lahin'ny mpanjaka, araka ny nolazain'i Yaveh mahakasika ireo taranak'i Davida.
[4]Izao no tsy maintsy ataonareo: ny iray ampahatelonareo mpisorona sy Levita izay tonga hanompo amin'ny Sabata, dia ho mpiambina eo amin'ireo varavarana. [5]Ny ampahatelony hafa any amin'ny tranon'ny mpanjaka, ary ampahatelony hafa any amin'ny Vavahadin'ny Fototra. Ny olona rehetra dia ho any an-kianjan'ny tranon'i Yaveh.
[6]Aza misy olona avela mankao an-tranon'i Yaveh, afa-tsy ireo mpisorona sy Levita izay manompo. Mahazo miditra izy ireo satria voatokana. Fa ny olona hafa rehetra dia tsy maintsy mankatoa ireo didin'i Yaveh. [7]Tsy maintsy mihodidina ny mpanjaka amin'ny lafiny rehetra ireo Levita, ny olona rehetra miaraka amin'ny fitaovam-piadiany eny an-tanany. Na iza na iza miditra ao amin'ilay trano, dia aoka izy ho vonoina. Miaraha amin'ny mpanjaka rehefa miditra sy mivoaka izy."
[8]Noho izany ireo Levita sy Joda rehetra dia nanompo tamin'ny fomba rehetra izay nandidian'i Joiada mpisorona. Samy naka ireo lehilahiny ny tsirairay, ireo izay ho avy hanompo amin'ny Sabata, sy ireo izay handao ny fanompoana amin'ny Sabata, satria Joiada, mpisorona, dia tsy mba nandroaka na iza na iza tamin'ny fizaran'izy ireo. [9]Avy eo Joiada, mpisorona, nitondra lefona ho an'ireo mpifehy sy zanak'apinga kely sy lehibe izay an'i Davida Mpanjaka izay tao an-tranon'Andriamanitra.
[10]Nalahatr'i Joiada ireo miaramila rehetra, ny lehilahy tsirairay samy niaraka tamin'ny fitaovam-piadiany teny an-tanany, avy eo amin'ny ilany havanan'ny tempoly hatrany amin'ny ilany havian'ny tempoly, nanaraka ny alitara sy ny tempoly, nanodidina ny mpanjaka. [11]Dia nentin'izy ireo nivoaka ny zanaka lahin'ny mpanjaka, napetaka teo aminy ny satro-boninahitra, ary nomena azy ny talàn'ny fanekena. Dia nataon'izy ireo ho mpanjaka izy, ary nanosotra azy i Joiada sy ireo zanany lahy. Dia hoy izy ireo hoe: "Ho ela velona anie ny mpanjaka."
[12]Rehefa ren'i Atalia ny tabataban'ny vahoaka nihazakazaka sy nidera ny mpanjaka, dia nanatona ny vahoaka tao an-tranon'i Yaveh izy. [13]Ary nijery izy, ka indro, nijoro teo akaikin'ny andry teo amin'ny fidirana ny mpanjaka, ary teo anilan'ny mpanjaka ireo mpifehy sy ireo mpitsoka trompetra. Nifaly sy nitsoka trompetra ny olon'ny tany rehetra, ary nitendry zava-maneno sy nitarika ny hira fiderana ireo mpihira. Avy eo Atalia nandrovitra ny akanjony ary nihiaka hoe: "Mpamadika! Mpamadika!"
[14]Avy eo Joiada, mpisorona, nitondra nivoaka ireo mpifehy ny an-jatony izay teo amin'ny tafika ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Avoahy eo anelanelan'ny filaharana izy; izay olona manaraka azy, aoka izy ho vonoina amin'ny sabatra." Fa hoy ny mpisorona hoe: "Aza vonoina ao an-tranon'i Yaveh izy." [15]Noho izany dia nanao lalana ho azy izy ireo, ary nandeha tamin'ny lalan'ny Vavahadin-tsoavaly nankany amin'ny tranon'ny mpanjaka izy, ary tany no namonoan'izy ireo azy.
[16]Avy eo Joiada nanao fanekena tamin'ny tenany, sy ny olona rehetra, sy ny mpanjaka, fa tokony ho olon'i Yaveh izy ireo.
[17]Noho izany dia niditra tao an-tranon'i Bala ny olona rehetra ary nandrava izany. Nopotipotehin'izy ireo ny alitaran'i Bala sy ireo sariny, ary novonoin'izy ireo teo anoloan'ireo alitara ireo i Matana, mpisoron'i Bala.
[18]Ary Joiada nanendry manam-boninahitra ho an'ny tranon'i Yaveh teo ambany fehin'ireo mpisorona, izay Levita, izay notendren'i Davida ho an'ny tranon'i Yaveh, mba hanolotra fanatitra dorana ho an'i Yaveh, araka ny voasoratra ao amin'ny talàn'i Mosesy, niara-nifaly sy nihira, araka ny torolalana nomen'i Davida. [19]Nametraka mpiambina teo am-bavahadin'ny tranon'i Yaveh i Joiada, mba tsy hisy na iray izay naloto tamin'ny fomba maro tokony hiditra.
[20]Nentin'i Joiada niaraka taminy ireo mpifehy ny an-jatony, ireo lehilahy manan-kaja, ireo governoran'ny vahoaka, sy ireo olon'ny tany rehetra. Nentiny nidina avy tao amin'ny tranon'i Yaveh ny mpanjaka; nanatona avy eny amin'ny Vavahady Ambony nakany amin'ny tranon'ny mpanjaka ny olona ary nametraka ny mpanjaka ho eo amin'ny seza fiandrianam-panjakana. [1][21]Koa dia niravoravo ny olona rehetra tao amin'ilay tany, ary nilamina ny tanàna. Raha ny amin'i Atalia, dia novonoin'izy ireo tamin'ny sabatra izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Ny dika-teny sasany amin'izao fotoana misy hoe: "nentin'izy ireo nidina ny mpanjaka".

24 [1]Fito taona i Joasy rehefa nanomboka nanjaka; nanjaka nandritry ny efapolo taona tao Jerosalema izy. Ny anaran-dreniny dia Zibia, avy any Berisheba. [2]Joasy dia nanao izay marina teo imason'i Yaveh tamin'ny andro rehetra niainan'i Joiada, mpisorona. [3]Naka vady roa ho azy i Joiada, ary niteraka zazalahy sy zazavavy izy.
[4]Taorian'izany, dia tapa-kevitra ny hamerina amin'ny laoniny ny tranon'i Yaveh i Joasy. [5]Nangoniny niaraka ireo mpisorona sy ireo Levita, ary hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Mandehana isan-taona any amin'ny tanànan'i Joda ary manangòna vola avy amin'Israely rehetra mba hanamboarana ny tranon'ny Andriamanitrareo. Ataovy azo antoka fa hanomboka avy hatrany ianareo." Tamin'ny voalohany dia tsy nanao na inona na inona ireo Levita.
[6]Ary ny mpanjaka nampiantso an'i Joiada, ilay mpisoronabe, ary niteny taminy hoe: "Nahoana no tsy nasainao nentin'ireo Levita avy tany Joda sy Jerosalema ny hetra izay nangonin'i Mosesy mpanompon'i Yaveh sy ireo fiangonan'Israely, ho amin'ny lain'ny lalàn'ny fanekena?" [7]Fa ireo zanaka lahin'i Atalia, ilay vehivavy ratsy fanahy, namotika ny tranon'Andriamanitra ary nanome ireo zava-masina rehetra tao an-tranon'i Yaveh ho an'ireo Bala.
[8]Ka dia nandidy ny mpanjaka, ary nanamboatra vata izy ireo ary nametraka izany teo ivelan'ny fidirana makao an-tranon'i Yaveh. [9]Rehefa izany dia nanao fanambarana nanerana an'i Joda sy Jerosalema izy ireo, ny mba hitondran'ny vahoaka ho an'i Yaveh ny hetra izay nangonin'i Mosesy mpanompon' Andriamanitra tamin'Israely tany an'efitra. [10]Dia nifaly ireo mpitarika sy ny vahoaka rehetra ka nitondra vola ary nametraka izany tao amin'ireo vata mandra-pahafenon'izy ireo izany.
[11]Isaky ny mitondra ny vata ho any amin'ny manam-boninahitry ny mpanjaka ireo Levita, ary isak'izay hitan'izy ireo fa misy vola betsaka ao anatin'izany, dia tonga ny mpanora-dalàn'ny mpanjaka sy ny manam-boninahitry ny mpisoronabe, ka nanafoana ny vata, sy naka izany ary nitondra izany hiverina ho eo amin'ny toerany. Nanao izany isan'andro isan'andro izy ireo, nanangona vola betsaka. [12]Nomen'ny mpanjaka sy Joiada ho an'ireo izay nanao ny asa fanompoana tao an-tranon'i Yaveh ny vola. Nanakarama mpanao trano sy mpandrafitra ireo lehilahy ireo mba hamerina amin'ny laoniny ny tranon'i Yaveh, ary niasa tao ihany koa ireo mpanefy vy sy varahana.
[13]Dia nisasatra ny mpiasa, ary ny asa fanamboarana dia nandroso teo an-tanan'izy ireo; naorin'izy ireo toy ny endriny tamin'ny voalohany ilay tranon'i Yaveh ary nohamafisiny izany. [14]Rehefa vitan'izy ireo, dia nentiny tany amin'i Joiada sy ny mpanjaka ny ambim-bola. Izany vola izany dia nampiasaina hanaovana fanaka ho an'ny tranon'i Yaveh, ireo kojakoja enti-manompo sy hanaovana fanatitra—sotro sy kojakoja volamena sy volafotsy. Tsy nitsahatra nanolotra fanatitra dorana tao amin'ny tranon'i Yaveh izy ireo tamin'ny andron'i Joiada rehetra.
[15]Niha antitra sy ela andro niainana i Joiada, ary dia maty izy; 130 taona izy no maty. [16]Nalevin'izy ireo tao amin'ny tanànan'i Davida niaraka tamin'ireo mpanjaka izy, satria efa nanao ny tsara tany Israely, tamin'Andriamanitra, ary tamin'ny tranon'Andriamanitra izy.
[17]Ary taorian'ny nahafatesan'i Joiada, dia tonga ireo mpitarik'i Joda ary nankatò ny mpanjaka. Dia nihaino azy ireo ny mpanjaka. [18]Nahafoy ny tranon'i Yaveh, ilay Andriamanitr'ireo razambeny izy ireo, ary nanompo ireo andriamanitra Aseraha sy ireo sampy. Tonga tamin'i Joda sy Jerosalema ny hatezeran'Andriamanitra noho izany fanaovan-dratsin'izy ireo izany. [19]Nefa naniraka mpaminany ho any amin'izy ireo Izy mba hitondra azy ireo hiverina any aminy, Yaveh indray; nijoro vavolombelona hanohitra ny vahoaka ireo mpaminany saingy nandà ny hihaino izy ireo.
[20]Tonga tamin'i Zakaria zanaka lahin'i Joiada, ilay mpisorona ny fanahin'Andriamanitra; nitsangana teo ambonin'ny vahoaka Zakaria ary nilaza tamin'izy ireo hoe: "Izao no lazain'Andriamanitra: nahoana no mandika ireo didin'i Yaveh ianareo, ka tsy mahita fanambinana? Koa satria nahafoy an'i Yaveh ianareo, dia nahafoy anareo ihany koa Izy." [21]Kanefa izy ireo nitetika hanohitra azy; tamin'ireo didin'ny mpanjaka, dia nitora-bato azy teo an-kianjan'ny tranon'i Yaveh izy ireo. [22]Tamin'izany fomba izany, Joasy, mpanjaka, dia tsy niraharaha ny hatsaram-panahy nataon'i Joiada, rain'i Zakaria, taminy. Fa kosa, namono ny zanaka lahin'i Joiada izy. Rehefa maty i Zakaria, dia hoy izy hoe: "Yaveh anie hahita izao ary hamaly anao."
[23]Ary tamin'ny fiafaran'ny taona, dia niakatra hanohitra an'i Joasy ny tafik'i Syria. Tonga tao Joda sy Jerosalema izy ireo; novonoin'izy ireo ny mpitarikin'ny vahoaka rehetra ary nandefa ireo babo rehetra ho any amin'ny mpanjakan'i Damaskosy izy ireo. [24]Ny tafik'ireo Syriana dia tonga niaraka tamin'ny tafika kely, fa Yaveh no nanome azy ireo fandresena teo amin'ireo tafika lehibe dia lehibe, satria nahafoy an'i Yaveh, ilay Andriamanintr'ireo razamben'izy ireo ny Joda. Tamin'izany no nitsaran'ny Syriana an'i Joasy.
[25]Tamin'ny fotoana nandehanan'ireo Syriana, dia efa naratra mafy i Joasy. Ireo mpanompony ihany no nitetika hanohitra azy nohon'ny famonoana ireo zanaka lahin'i Joiada, mpisorona. Novonoin'izy ireo teo ambony fandriany izy, ary dia maty; nalevin'izy ireo tao amin'ny tanànan'i Davida izy, fa tsy tao amin'ny fasan'ireo mpanjaka. [26]Ireto no olona izay nitetika hanohitra azy: dia Zabada zanaka lahin'i Simata, ilay Amonita; ary Jozabada zanaka lahin'i Simrita, ilay Moabita.
[27]Ankehitriny ny mahakasika ny zanany lahy, ny faminaniana lehibe izay nitenenana ny mahakasika azy, sy ny fanorenana indray ny tranon'i Yaveh Andriamanitra, indro, efa voasoratra ao amin'ny bokin'ny Tantaran'ny mpanjaka izany. Amazia zanany lahy, no nanjaka nandimby ny toerany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

25 [1]Dimy amby roapolo taona i Amazia raha nanomboka nanjaka; nanjaka sivy amby roapolo taona tao Jerosalema izy. Joadana no anaran-dreniny, avy ao Jerosalema. [2]Nanao izay marina teo imason'i Yaveh izy, saingy tsy tamin'ny fony manontolo.
[3]Ary nony tafapetraka tsara ny fanjakany, dia namono ireo mpanompo izay namono ny rainy, mpanjaka izy. [4]Kanefa tsy namono ireo zanak'ireo mpamono izy, fa nanao araka izay voasoratra tao amin'ny lalàna, tao amin'ny bokin'i Mosesy, araka ny nandidian'i Yaveh hoe: "Aoka ny ray tsy ho faty nohon'ny zanaka, na ny zanaka maty nohon'ny ray. Fa kosa, tokony ho faty nohon'ny otany ihany ny olona tsirairay."
[5]Koa dia, novorian'i Amazia niaraka ny Joda, ary nandray an-tsoratra ny anaran'izy ireo araka ny taranaky ny razambeny avy, teo ambanin'ireo mpifehy ny arivo sy mpifehy ny zato—Joda sy Benjamina rehetra. Nisainy nanomboka tamin'ny roapolo taona no miakatra izy ireo, ary 300 000 ireo lehilahy voafantina, afaka mandeha an'ady, izay afaka mitàna lefona sy ampinga. [6]Nanakarama lehilahy mpiady 100 000 avy tamin' Israely ihany koa izy tamin'ny talenta volafotsy zato.
[7]Fa nisy lehilahin'Andriamanitra iray tonga teo aminy ary nanao hoe: "Ry mpanjaka, aza avela hiaraka aminao ny tafik'Israely, satria Yaveh tsy momba ny Israely—na ny vahoakan'i Efraima. [8]Kanefa na dia mandeha sy mahery fo ary mahery an'ady aza ianao, dia handavo anao eo anatrehan'ny fahavalonao Andriamanitra, satria Andriamanitra dia manana fahefana hanampy, sy fahefana handavo."
[9]Dia hoy Amazia tamin'ilay lehilahin'Andriamanitra hoe: "Koa inona izany no ataonay momba ireo talenta zato izay efa nomeko ho an'ny tafik'Israely?" Ilay lehilahin'Andriamanitra namaly hoe: "Yaveh dia afaka manome anao maro mihoatra noho izany." [10]Ka dia nosarahan'i Amazia ny tafika avy taminy sy ny avy tamin'i Efraima; ary nasainy nody indray izy ireo. Koa nirehitra mafy tamin'i Joda ny hatezeran'izy ireo, ary dia nody tamin-katezerana mafy izy ireo.
[11]Ary Amazia nanana herim-po ary nitarika ny vahoakany nivoaka ny Lohasahan-tsira; tao no nandreseny ireo lehilahy iray alina avy any Seira. [12]Nisambo-belona ireo iray alina hafa ny tafik'i Joda. Nentin'izy ireo tany an-tampon'ny haram-bato izy ireo ary navariny avy teny, mba hamotipotehana azy ireo rehetra.
[13]Fa ireo lehilahin'ny tafika izay naverin'i Amazia, mba tsy handehanan'izy ireo miaraka aminy any an'ady, dia nanafika ireo tanànan'i Joda hatrany Samaria ka hatrany Beti-horona. Nandavo vahoaka telo arivo sy naka babo maro izy ireo.
[14]Ary rehefa tafaverina avy tamin'ny famonoana ny Edomita i Amazia, dia nitondra ireo andriamanitry ny vahoakan'i Seira, sy nametraka azy ireo mba ho andriamaniny manokana izy. Niankohoka teo anoloan'ireo izy ary nandoro ditin-kazo manitra ho an'ireo. [15]Noho izany dia nirehitra tamin'i Amazia ny hatezeran'i Yaveh. Nandefa mpaminany ho any aminy Izy, izay nanao hoe: "Nahoana ianao no nitady ireo andriamanitry ny vahoaka izay tsy nahavonjy ireo vahoakany teo an-tananao akory?"
[16]Ary raha mbola niresaka taminy ny mpaminany, dia hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Moa ve izahay efa nanao anao ho mpanolo-tsain'ny mpanjaka? Aoka izay! Nahoana ianao no tokony ho vonoina?" Ary dia nijanona ilay mpaminany ary nanao hoe: "Fantatro fa efa nanapa-kevitra ny handrava anao Andriamanitra satria nanao izany asa izany ianao ary tsy nihaino ny torohevitro."
[17]Ary dia nila hevitra tamin'ireo mpanolo-tsaina i Amazia, mpanjakan'i Joda ary naniraka mpitondra hafatra tany amin'i Joasy zanaka lahin'i Johaza zanaka lahin'i Jeho, mpanjakan'Israely, nanao hoe: "Avia, aoka isika hifanatri-tava amin'ny ady."
[18]Kanefa i Joasy mpanjakan'Israely namerina ireo mpitondra hafatra ho any amin'i Amazia mpanjakan'i Joda, nanao hoe: "Tsilo iray tany Libanona nandefa hafatra tamina sedera iray tany Libanona, nanao hoe: 'Omeo ho vadin'ny zanako lahy ny zanakao vavy,' kanefa nisy bibidia iray avy tany Libanona nandeha teo ary nanosihosy ilay tsilo. [19]Ianao efa nanao hoe: 'Indro, efa nandavo an'i Edoma aho,' ary ny fonao no nampirehareha anao. Mireharehava amin'ny fandresenao, nefa mitoera ihany any an-trano, fa nahoana ianao no tokony hiteraka korontana sy fahalavoana, ho an'ny tenanao sy Joda miaraka aminao?"
[20]Saingy tsy nihaino Amazia, satria avy tamin'Andriamanitra izany tranga izany, mba hahafahany manolotra ny vahoakan'i Joda ho eo an-tanan'ireo fahavalony, satria efa nitady hevitra avy tamin'ireo andriamanitr'i Edoma izy ireo.
[21]Ka dia nanafika i Joasy, mpanjakan'i Israely; izy sy Amazia, mpanjakan'i Joda, dia nifanatri-tava tao Beti-semesy, izay an'i Joda. [22]Lavo teo anatrehan'Israely ny Joda, ary nitsoaka nody ny lehilahy rehetra.
[23]Joasy, mpanjakan'Israely, dia nisambotra an'i Amazia zanaka lahin'i Joasy zanaka lahin'i Ahazia, mpanjakan'i Joda, tao Beti-semesy. Nentiny tany Jerosalema izy ary nandrotika ny mandan'i Jerosalema hatrany amin'ny Vavahady Efraima ka hatrany amin'ny Vavahady an-Jorony, izay nielanelana efajato hakiho. [24]Nalainy avokoa ny volamena sy ny volafotsy rehetra, ny zavatra rehetra izay hita tao an-tranon'Andriamanitra niaraka tamin'i Obed-edoma, ary ireo zavatra nanan-danja tao an-tranon'ny mpanjaka, niaraka tamin'ireo takalon'aina ihany koa, ary dia niverina tany Samaria.
[25]Amazia zanaka lahin'i Joasy, mpanjakan'i Joda, dia niaina dimy ambin'ny folo taona taorian'ny nahafatesan'i Joasy, zanaka lahin'i Joahaza, mpanjakan'Israely. [26]Raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Amazia, ny voalohany sy ny farany, indro, moa ve izy ireo tsy efa voasoratra tao anatin'ny bokin'ireo mpajakan'i Joda sy Israely?
[27]Ary nanomboka tamin'ny fotoana izay nivilian'i Amazia tamin'ny fanarahana an'i Yaveh, dia nanomboka nanao tetika hanoherana azy tany Jerosalema izy ireo. Nandositra tany Lakisy izy, kanefa izy ireo naniraka lehilahy nanaraka azy tany Lakisy ary namono azy tany. [28]Nentin'izy ireo niverina tamin'ny soavaly izy ary nandevina azy niaraka tamin'ireo razambeny tao an-Tanànan'i Joda.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

26 [1]Ny vahoakan'i Joda rehetra naka an'i Ozia, izay enina ambin'ny folo taona, ary nanao azy ho mpanjaka eo amin'ny toeran'i Amazia rainy. [2]Izy no nanorina indray an'i Elota ary namerina nanorina izany ho an'i Joda. Taorian'izay dia nodimandry tany amin'ireo razambeny ny mpanjaka. [3]Enina ambin'ny folo taona i Ozia no nanomboka nanjaka. Nanjaka nandritry ny roa amby dimam-polo taona tao Jerosalema izy. Jekolia no anaran-dreniny; avy any Jerosalema izy.
[4]Nanao izay marina teo imason'i Yaveh izy, nanaraka ny ohatra nomen'i Amazia, rainy, tamin'ny zava-drehetra.
[5]Nanolotra ny tenany mba hitady an'Andriamanitra tamin'ny andron'i Zakaria, izay nanome azy ireo torolalana tamin'ny fankatoavana an'Andriamanitra izy. Raha mbola nitady an'i Yaveh izy, dia nanambina azy Andriamanitra.
[6]Nivoaka i Ozia ary niady tamin'ny Filistina. Noravainy ny mandan'ny tanàna tao Gata, Jabne ary Asdoda; nanorina tanàn-dehibe tao amin'ny tanànan'i Asdoda sy teo amin'ireo Filistina izy. [7]Nampin' Andriamanitra nanohitra an'ireo Filistina izy, nanohitra ny Arabo izay nonina tao Gorabala, ary nanohitra ireo Meonita. [8]Nandoa fanomezam-boninahitra ho an'i Ozia ny Amonita, ary niely ny lazany, na dia hatrany amin'ny fidiran'i Egypta aza, satria nihanatanjaka izy.
[9]Fanampin'izany, nanorina tilikambo tao Jerosalema i Ozia izay teo amin'ny Vavahady an-jorony, teo amin'ny Vavahadin-Dohasaha, sy teo amin'ny fiodinan'ny manda, ary nanamafy orina ireo. [10]Nanorina tilikambo fiambenana tany an'efitra izy ary nangady fitoeran-drano maro, satria nanana biby fiompy maro izy, tany amin'ny tany lemaka sy tany amin'ny iva. Nanana mpiompy sy mpamboly voaloboka tany amin'ny firenena sy tany amin'ny tany havoana sy tany amin'ny saha mamokatra izy, satria tiany ny fiompiana sy fambolena.
[11]Fanampin'izany, nanana tafika lehilahy mpiady i Ozia izay nivoaka isam-bondrona mba hiady izay voalamina araka ny isany izay nisain'i Jeiela, mpanora-dalàna, sy Mahaseia, manam-pahefana, teo ambany fahefan'i Hanania, iray tamin'ireo mpifehin'ny mpanjaka. [12]Ny fitambaran'ny isan'ireo lohan'ny fianakavian-drazana, lehilahy mpiady, dia 2 600. [13]Teo ambany fahefan'izy ireo dia nisy tafika 307 500 lehilahy izay niady tamin-kery lehibe mba hanampy ny mpanjaka hanohitra ny fahavalo.
[14]Nomanin'i Ozia ho an'izy ireo—ho an'ny tafika rehetra—ireo apinga, lefona, fiarovan-doha, fiarovan-tratra vy, tsipìka, sy vato ampiasaina amin'ny antsamotady. [15]Nanamboarany milina maro tao Jerosalema, izay noforonin'ireo lehilahy manam-pahaizana, natao teny amin'ny tilikambo sy teny an-dohan'ny manda, izay andefasana zana-tsipìka sy vato lehibe. Niely hatrany amin'ny tany lavitra ny lazany, satria nahazo fanampiana goavana izy mandra-pahatongany ho tena mahery.
[16]Fa rehefa niha-natanjaka i Ozia, dia nieboebo ny fony ka nanao ny tsy marina izy; nivadika tamin'i Yaveh, Andriamaniny izy, satria nankao an-tranon'i Yaveh mba handoro ditin-kazo manitra teo amin'ny alitaran'ny ditin-kazo manitra. [17]Azaria, mpisorona, dia niditra nanaraka azy, mbamin'ny mpisoron'i Yaveh valo-polo, izay lehilahy be herim-po.
[18]Nanohitra an'i Ozia, mpanjaka izy ireo, ary niteny taminy hoe: "Tsy anjaranao, ry Ozia, no mandoro ny ditin-kazo manitra ho an'i Yaveh, fa an'ireo mpisorona, ireo zanaka lahin' i Arona, izay voamasina no mandoro ny ditin-kazo manitra. Mivoaha tao amin'ny fitoerana masina, fa tsy nahatoky ianao ary tsy homen'i Yaveh Andriamanitra voninahitra.
[19]Dia tezitra i Ozia. Nihazona lovia teny an-tanany izy mba handorana ny ditin-kazo manitra. Ary raha mbola tezitra tamin'ny mpisorona izy, dia nisy habokana nipoitra teo amin'ny handriny nanoloana ireo mpisorona tao an-tranon' i Yaveh, teo anilan'ilay alitara ho an'ny ditin-kazo manitra. [20]Azaria mpisoronabe sy ireo mpisorona rehetra dia nijery azy, ary, indro, tonga boka teo amin'ny handriny izy. Noroahin'izy ireo faingana teo izy. Ka dia nivoaka faingana tokoa izy, satria namely azy Yaveh.
[21]Ozia, mpanjaka, dia boka mandra-pahafatiny ka nipetraka tao amin'ny fonenana mitokana hatramin'ny nahaboka azy, satria nesorina tao amin'ny tranon'i Yaveh izy. Jotama, zanany lahy, no tao an-dapan'ny mpanjaka ary nanapaka ny vahoakan'ny tany.
[22]Ary raha ny amin'ny raharaha hafa mahakasika an'i Ozia, voalohany ary farany, dia ao amin'izay nosoratan'Isaia zanak'i Amosa, mpaminany. [23]Ary nodimandry tany amin'ny razambeny i Ozia; nalevin'izy ireo niaraka tamin'ireo razambeny tao amin'ny tany fandevenana izay an'ireo mpanjaka izy, fa hoy izy ireo hoe: "Boka izy." Jotama, zanany lahy, no lasa mpanjaka nandimby ny toerany.

27 [1]Dimy amby roapolo taona i Jotama raha nanomboka nanjaka; nanjaka enina ambin'ny folo taona tany Jerosalema izy. Jerosa no anaran-dreniny; zanaka vavin'i Zadoka izy. [2]Nanao izay marina teo imason'i Yaveh izy, nanaraka ny ohatra nataon-drainy, dia i Ozia, tamin'ny zavatra rehetra. Nitsahatra tamin'ny fidirana tao an-tempolin'i Yaveh ihany koa izy. Kanefa mbola nitondra tena tamin'ny fomba ratsy ihany ny vahoaka.
[3]Nanamboatra ny vavahady ambonin'ny tranon'i Yaveh izy, ary nanamboatra betsaka teo amin'ny havoan'i Ofela.
[4]Fanampin'izany dia nanamboatra tanàna tany amin'ny tany havoan'i Joda, sy nanamboatra rova sy tilikambo tany amin'ireo ala izy.
[5]Niady tamin'ny mpanjakan'ny vahoakan'i Amona ihany koa izy ary nandresy azy ireo. Tamin'izany taona izany ihany, no nanomezan'ny vahoakan'i Amona azy talenta volafotsy zato, vary tritrika iray alina fatra, vary hordea iray alina fatra. Nomen'ny vahoakan'i Amona azy tahaka izany ihany izy ny taona faharoa sy fahatelo.
[6]Koa dia nihanahery i Jotama satria nandeha nahitsy teo anoloan'i Yaveh Andriamaniny. [7]Ary ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Jotama, ny adiny rehetra, ary ireo lalany, indro, voasoratra ao amin'ny bokin'ireo mpanjakan'Israely sy Joda izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Dimy amby roapolo taona izy raha nanomboka nanjaka; nanjaka nandritry ny enina ambin'ny folo taona tao Jerosalema izy. [9]Nodimandry tany amin'ireo razambeny i Jotama, ary nalevin'izy ireo tao an-tanànan'i Davida izy. Ahaza, zanany lahy, no tonga mpanjaka nandimby ny toerany.

28 [1]Roapolo taona i Ahaza no nanomboka nanjaka, ary nanjaka enina ambin'ny folo taona tao Jerosalema izy. Tsy nanao izay marina teo imason'i Yaveh izy, tahaka ny nataon'i Davida razambeny. [2]Fa kosa, nandeha tamin'ny lalan'ireo mpanjakan'Israely izy; nanamboatra sarin-javatra araraka ho an'ireo Bala ihany koa izy.
[3]Fanampin'izany, nandoro emboka manitra tao amin'ny Lohasahan'i Bena-hinoma izy ary nandefa ireo zanany tao anaty afo, araka ireo asa fanompoan-tsampin'ny olona izay noteren'i Yaveh hiala tamin'ny taniny talohan'ny vahoakan'Israely.
[4]Nanao sorona sy nandoro ditin-kazo manitra tao amin'ny fitoerana avo sy teny amin'ireo havoana ary tany ambanin'ny hazo maitso rehetra izy.
[5]Noho izany Yaveh Andriamanitr'i Ahaza, dia nanolotra azy teo an-tanan'ny mpanjakan'i Syria. Nandresy azy ny Syriana ary nitondra vahoaka gadra marobe niala teo aminy, nitondra azy ireo nankany Damaskosy. Natolotra teo an-tanan'ny mpanjakan'Israely izay nandresy azy tamin'ny famonoana lehibe ihany koa Ahaza. [6]Fa Peka zanaka lahin'i Remalia, dia namono miaramila 120 000 tao Joda tao anatin'ny iray andro, lehilahy be herim-po avokoa izy rehetra, satria izy ireo dia nahafoy an'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razamben'izy ireo.
[7]Zikry, lehilahy mahery iray avy any Efraima, namono an'i Mahaseia zanaka lahin'ny mpanjaka, Azrikama, manam-pahefana eo amin'ny lapa, ary i Elkana, izay akaiky ny mpanjaka. [8]Ny tafik'Israely dia naka babo 200 000 vady, zanaka lahy, ary zanaka vavy avy tamin'ireo havan'izy ireo. Naka babo maro be ihany koa izy ireo, izay nentiny niverina tany Samaria.
[9]Fa nisy mpaminanin'i Yaveh iray tany, Obeda no anarany. Nivoaka mba hitsena ny tafika izay tonga avy any Samaria izy. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Satria Yaveh, ilay Andriamanitry ny razambenareo, tezitra tamin'i Joda, dia nanolotra azy ireo teo an-tananareo Izy. Fa namono azy ireo tamin-katezerana izay mahatakatra ny lanitra ianareo. [10]Ary mihevitra ny hihazona ireo lehilahy sy vehivavin'i Joda sy Jerosalema ho andevonareo ianareo. Fa moa ve ianareo tsy meloka tamin'ireo fahotanareo tamin'i Yaveh Andriamanitrareo? [11]Koa ankehitriny, mihainoa ahy: Alefaso ireo gadra, izay nalainareo tamin'ireo rahalahinareo, fa mirehitra aminareo ny hatezeran'i Yaveh."
[12]Ary ireo mpitarika ny vahoakan'i Efraima sasany—Azaria zanaka lahin'i Johanana, Berekia zanaka lahin'i Mesilemota, Jehizkia zanaka lahin'i Saloma, ary i Amasa zanaka lahin'i Hadlay, nitsangana hanohitra ireo izay niverina avy tany amin'ny ady. [13]Hoy izy ireo tamin'izy ireo hoe: "Aoka tsy hitondra ireo gadra aty ianareo, satria mitady hitondra zavatra izay hampanota anay hanohitra an'i Yaveh ianareo, mba hanampy ireo otanay sy ireo fahadisoanay, fa lehibe ny fahadisoanay, ary misy firehetan-katezerana amin'Israely."
[14]Koa namela ireo gadra sy ireo babo teo anatrehan'ireo mpitarika sy fivondronana rehetra ireo lehilahy mitam-piadiana.
[15]Niarina ireo lehilahy izay voatendry tamin'ny anarana ary naka ireo gadra, sy nampiakanjo ireo rehetra tsy nitafy teo amin'izy ireo niaraka tamin'ireo babo. Nampiakanjoan'izy ireo ireny ary nomeny kapa. Nomen'izy ireo sakafo hohanina sy zava-pisotro izy ireo. Nitsabo ny ratran'izy ireo ary nametraka ireo malemy teo ambony boriky izy ireo. Nentin'izy ireo niverina tany amin'ny fianakaviany tany Jeriko izy ireo, (antsoina hoe Tanànan'ny Palma). Avy eo dia niverina tany Samaria izy ireo.
[16]Tamin'izany fotoana izany Ahaza Mpanjaka dia nandefa mpitondra hafatra tany amin'ireo mpanjakan'i Asyria mba hangataka azy ireo hanampy azy. [17]Satria mbola tonga indray ireo Edomita ary nanafika an'i Joda, nitondra an'ireo gadra.
[18]Ireo Filistina ihany koa dia nanafika ireo tanànan'ireo tany lemaka sy ny an'i Negeva ao Joda. Nalain'izy ireo i Beti-semesy, Aialona, Gederota, ary Soko sy ireo zana-bohiny, Timna sy ireo zana-bohiny, ary Gimzo sy ireo zana-bohiny ihany koa. Nandeha nipetraka tany amin'ireo toerana ireo izy ireo.
[19]Fa i Yaveh nampietry an'i Joda noho i Ahaza, mpanjakan'Israely, satria izy nanao ratsy tao Joda sy nanota mafy dia mafy tamin'i Yaveh tokoa. [20]Tiglato-pilesera, mpanjakan'i Asyria, dia tonga teo aminy ary nanakorontana azy raha tokony nankahery azy. [21]Fa i Ahaza dia nambabo ny tranon'i Yaveh sy ireo ankohonan'ny mpanjaka ary ireo mpitarika, mba hanome zava-tsarobidy ho an'ireo mpanjakan'i Asyria. Saingy tsy nahazoany tombony ny fanaovana izany.
[22]Io Ahaza Mpanjaka io ihany no nanohitra bebe kokoa an'i Yaveh tamin'ny fotoan'ny fahoriany. [23]Satria nanao sorona tamin'ireo andriamanitr'i Damaskosy izy, andriamanitra izay efa nandresy azy. Hoy izy hoe: "Satria nanampy azy ireo ny andriamanitr'ireo mpanjakan'i Syria, dia hisorona ho azy ireo aho, mba hanampy ahy izy ireo." Kanefa faharavana ho azy sy Israely rehetra izy ireo.
[24]Nangonin'i Ahaza ireo fanaka tao amin'ny tranon'Andriamanitra ary nokapakapainy. Nakatony ireo varavaran'ny tranon'i Yaveh ary nanao alitara ho azy teo amin'ny zoron'i Jerosalema rehetra izy. [25]Tany amin'ny tanànan'i Joda rehetra no nanaovany fitoerana avo mba handorana sorona ho an'ireo andriamani-kafa. Niantsy an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'ireo razambeny izy.
[26]Ary ny sisa tamin'ireo asany, sy ireo lalany rehetra, voalohany ary farany, dia indro, efa voasoratra ao amin'ny bokin'ireo mpanjakan'i Joda sy Israely. [27]Nodimandry tany amin'ireo razambeny i Ahaza, ary nalevin'izy ireo tao amin'ny tanàna, tao Jerosalema izy, fa tsy nentin'izy ireo tany amin'ny fasan'ireo mpanjakan'Israely. Hezekia, ilay zanany lahy, no lasa mpanjaka teo amin'ny toerany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

29 [1]Nanomboka nanjaka i Hezekia tamin'ny fahadimy amby roapolo taonany; nanjaka nandritry ny sivy amby roapolo taona tany Jerosalema izy. Ny anaran-dreniny dia Abia; zanaka vavin'i Zakaria. [2]Nanao izay marina teo imason'i Yaveh izy, tahaka ny efa nataon'i Davida rainy.
[3]Tamin'ny taona voalohany nanjakany, tamin'ny volana voalohany, dia nanokatra ireo varavaran'ny tranon'i Yaveh i Hezekia ary namboatra ireo. [4]Nampiditra ireo mpisorona sy ireo Levita izy, ary namory azy ireo niaraka tao amin'ny kianja tamin'ny ilany atsinanana. [5]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Mihainoa ahy, ianareo Levita! Amasino ny tenanareo, ary amasino ny tranon'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razambenareo, ary esory hiala amin'ny fitoerana masina ny fahalotoana.
[6]Fa nanota ireo razambentsika ary nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh Andriamanintsika; nahafoy Azy izy ireo, nampihodina ny tavan'izy ireo niala tamin'ny toerana izay honenan'i Yaveh, ary nampitodika ny lamosin'izy ireo ho amin'izany. [7]Nohidian'izy ireo ihany koa ireo varavaran'ny lavarangana ary novonoiny ny jiro; tsy nandoro ditin-kazo manitra izy ireo na fanatitra dorana tao amin'ny toerana masina ho an'ilay Andriamanitr'Israely.
[8]Noho izany dia nilatsaka teo amin'i Joda sy Jerosalema ny hatezeran'i Yaveh, ary nataony toy ny zavatra fampihorohoroana, fampitahorana, sy fanalam-baraka izy ireo, araka ny hitanareo amin'ny masonareo. [9]Izany no antony nahalavo ireo raintsika tamin'ny sabatra, sy nahababo ireo zanantsika lahy, sy ireo zanantsika vavy, ary ireo vadintsika.
[10]Ankehitriny dia ato am-poko ny hanao fanekena amin'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, mba hialan'ny fahatezerany mirehitra amintsika. [11]Ry zanako, aza malaina izao, satria Yaveh efa nifidy anareo mba hitsangana eo anoloany, mba hanompo Azy, ary mba ho mpanompony sy ho emboka manitra."
[12]Avy eo dia nitsangana ireo Levita: dia Mahata zanaka lahin'i Amasay, sy Joela zanaka lahin'i Azaria, avy amin'ny olon'ireo Kohalita; ary ireo olon'i Merary, Kisy zanaka lahin'i Abdia, sy Azaria zanaka lahin'i Jehalalila; ary ireo Gersonita, Joa zanaka lahin'i Zima, ary Edena zanaka lahin'i Joa; [13]avy amin'ireo zanaka lahin'i Elizafana, Simry sy Jeiela; ary avy amin'ireo zanaka lahin'i Asafa, Zakaria ary Matania; [14]avy amin'ny zanaka lahin'i Hemana, Jehiela ary Simei; ary avy amin'ny zanaka lahin'i Jedotona, Semaia ary Oziela.
[15]Namory ireo rahalahiny izy ireo, ary nanamasina ny tenany, ka niditra, araka ny nandidian'ny mpanjaka, tamin'ny fanarahana ireo tenin'i Yaveh, mba hanadio ny tranon'i Yaveh. [16]Niditra tao amin'ny efitra anatin'ny tranon'i Yaveh ireo mpisorona mba hanadio izany; nentin'izy ireo nivoaka ny loto rehetra izay hitany tao an-tempolin'i Yaveh tao an-kianjan'ny trano. Nalain'ireo Levita izany mba hanalana izany ao an-dohasahan-driakan'i Kidrona. [17]Ary natombok'izy ireo ny fanamasinana tamin'ny andro voalohan'ny volana voalohany. Ary tamin'ny andro fahavalon'ny volana dia nihazo teo amin'ny lavarangan'i Yaveh izy ireo. Ary nandritry ny valo andro hafa ihany koa dia nanamasina ny tranon'i Yaveh izy ireo. Tamin'ny andro fahenina ambin'ny folon'ny volana voalohany dia vitan'izy ireo izany.
[18]Avy eo izy ireo nandeha tany amin'i Hezekia, ilay mpanjaka, tao amin'ny lapa ary niteny hoe: "Efa nanadio ny tranon'i Yaveh manontolo izahay, ny alitara ho an'ireo fanatitra dorana miaraka amin'ny fampiharany rehetra, sy ny latabatry ny mofon'ny fanatrehana, miaraka amin'ny fampiharany rehetra. [19]Koa efa niomana izahay ary efa nohamasininay ireo fitaovana rehetra izay nesorin'i Ahaza mpanjaka fony niasa tsy am-pahatokiana nandritry ny fanjakany izy. Indro, eo anatrehan'ny alitaran'i Yaveh ireo."
[20]Avy eo Hezekia mpanjaka nifoha maraina ary namory ireo mpitariky ny tanàna; nandeha niakatra tany amin'ny tranon'i Yaveh izy. [21]Nitondra omby lahy fito, ondrilahy fito, zanak'ondry fito, ary osilahy fito ho fanatitra nohon'ny ota ho an'ny fanjakana, ho an'ny fitoerana masina, ary ho an'i Joda izy ireo. Nandidy an'ireo mpisorona, ireo zanaka lahin'i Arona izy, mba hanatitra ireo eo amin'ny alitaran'i Yaveh.
[22]Koa dia novonoin'izy ireo ny omby, ary noraisin'ireo mpisorona ny rà ka nafafiny teo amin'ny alitara. Novonoin'izy ireo ny ondry lahy ary nafafiny teo amin'ny alitara ny rà; novonoin'izy ireo ihany koa ireo zanak'ondry ary nafafiny teo amin'ny alitara ny rà. [23]Nentin'izy ireo teo anoloan'ny mpanjaka sy ny fivondronana ireo osilahy ho fanatitra nohon'ny ota; napetrak'izy ireo teo amin'izany ny tanany. [24]Novonoin'ireo mpisorona izany, ary nanao fanatitra nohon'ny ota tamin'ny ràn'ireo teo amin'ny alitara mba hanaovana fanavotana ho an'Israely izy ireo, satria nandidy ny mpanjaka fa tokony hisy fanatitra dorana sy fanatitra nohon'ny ota hatao ho an'Israely manontolo.
[25]Napetrak'i Hezekia tao amin'ny tranon'i Yaveh niaraka tamin'ny kipantsona, harpa, ary lokanga ireo Levita, nalahany araka ny baikon'i Davida, Gada, ilay mpahitan'ny mpanjaka, sy Natana, ilay mpaminany, satria avy amin'i Yaveh tamin'ny alalan'ireo mpaminaniny ny baiko. [26]Nijoro niaraka tamin'ireo zava-manenon'i Davida ireo Levita, ary ireo mpisorona niaraka tamin'ireo trompetra.
[27]Nandidy azy ireo mba hanolotra ilay fanatitra dorana ho eo amin'ny alitara i Hezekia. Rehefa nanomboka ny fanatitra dorana, dia nanomboka ihany koa ny hiran'i Yaveh, niaraka tamin'ireo trompetra, mbamin'ireo zava-manenon'i Davida, mpanjakan'Israely. [28]Nihoby avokoa ny fiangonana rehetra, nihira ireo mpihira, ary nitsoka ireo mpampaneno trompetra; nitohy hatrany ireo rehetra ireo ambara-pahavitan'ny fanatitra dorana.
[29]Rehefa vitan'izy ireo ny fanatitra, dia niankohoka sy nitsaoka ny mpanjaka sy ireo rehetra izay nanatrika niaraka taminy. [30]Ankoatra izany, Hezekia, ilay mpanjaka, sy ireo mpitarika dia nandidy an'ireo Levita mba hihira fiderana ho an'i Yaveh tamin'ny tenin'i Davida sy Asafa mpahita. Nihira fiderana tamim-pifaliana izy ireo, ary niankohoka sy nidera.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[31]Dia hoy Hezekia hoe: "Ankehitriny dia nanamasina ny tenanareo ho an'i Yaveh ianareo. Avia eto ka ento ho ao an-tranon'i Yaveh ireo sorona sy ireo fanati-pisaorana." Nentin'ny fiangonana ireo sorona sy ireo fanati-pisaorana, ary ireo rehetra izay nanana fo feno finiavana dia nitondra fanatitra dorana.
[32]Ombilahy fitopolo, ondrilahy zato, ary zanak'ondry lahy roanjato no isan'ireo fanatitra dorana nentin'ny fiangonana. Ho fanatitra dorana ho an'i Yaveh avokoa ireo rehetra ireo. [33]Omby eninjato sy ondry telo arivo ireo fanatitra voahasina.
[34]Fa vitsy loatra ireo mpisorona raha hanendaka ny hoditr'ireo fanatitra dorana, ka dia nanampy azy ireo ny rahalahiny, ireo Levita, ambara-pahavitan'ny asa, ary ambara-pahafahan'ireo mpisorona nanamasina ny tenan'izy ireo, fa nitandrina ny hanamasina ny tenan'izy ireo kokoa noho ireo mpisorona ireo Levita.
[35]Fanampin'izany, dia nisy fanatitra dorana maro be; nampiarahana tamin'ny saboran'ny fanati-pihombonana ireo, ary nisy fanatitra sotroina ho an'ny fanatitra dorana rehetra. Koa dia nilamina tsara ny fanompoana tao an-tranon'i Yaveh.
[36]Niravoravo Hezekia, ary ny vahoaka rehetra ihany koa, noho izay efa nomanin'Andriamanitra ho an'ny olona, satria vita vetivety ny asa.

30 [1]Nandefa iraka tamin'Israely sy Joda rehetra i Hezekia, ary koa nanoratra taratasy ho an'i Efraima sy Manase, fa tokony ho tonga ao an-tranon'i Yaveh any Jerosalema izy ireo, mba hankalaza ny Paska ho an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely. [2]Fa ny mpanjaka, ireo mpitariny, sy ny fiangonana rehetra tany Jerosalema dia niara-nihevitra, nanapa-kevitra ny hankalaza ny Paska amin'ny volana faharoa. [3]Tsy afaka nankalaza izany teo no ho eo anefa izy ireo, satria tsy ampy ireo mpisorona izay nanamasina ny tenan'izy ireo, na ny olona izay niara nivory tany Jerosalema.
[4]Toa marina teo imason'ny mpanjaka sy ny fiangonana rehetra izany tolo-kevitra izany. [5]Ka nanaiky ny hanao fanambarana manerana an'Israely manontolo izy ireo, hatrany Beriseba ka hatrany Dana, fa ny vahoaka dia tokony ho tonga hankalaza ny Paska ho an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, tao Jerosalema. Fa izy ireo dia tsy nitandrina izany niaraka tamin'ny vahoaka maro an'isa, araka izay voasoratra.
[6]Noho izany ireo iraka dia nandeha nitondra ny taratasy avy amin'ny mpanjaka sy ireo mpitariny nanerana an'Israely sy Joda rehetra, araka ny baikon'ny mpanjaka. Hoy izy ireo hoe: "Ianareo vahoakan'Israely, miverena amin'i Yaveh, ilay Andriamanitr'i Abrahama, Isaka, ary Israely, mba hiverenany amin'ny sisa tavela aminareo izay tafatsoaka avy teo an-tanan'ireo mpanjakan'i Asyria.
[7]Aoka ianareo tsy hitovy amin'ny razambenareo na ny rahalahinareo, izay nanota tamin'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razamben'izy ireo, ka nandringanany azy ireo, araka ny hitanareo. [8]Ary aza mafy loha, tahaka ireo razambenareo; fa kosa, manolora tena ho an'i Yaveh ianareo ary midira ao amin'ny fitoerany masina, izay efa nohamasininy mandrakizay, ary manompoa an'i Yaveh Andriamanitrareo mba hiala aminareo ny firehetan'ny hatezerany. [9]Fa raha miverina amin'i Yaveh ianareo, dia hahita fangoraham-po manoloana an'ireo izay nitondra azy ireo ho gadra ny rahalahinareo sy ny zanakareo, ka hiverina amin'ity tany ity izy ireo. Fa Yaveh Andriamanitrareo, dia mahari-po sy mpamindra fo, ary tsy hanafina ny tavany aminareo, raha miverina Aminy ianareo."
[10]Ka dia lasa ireo iraka nandeha isan-tanàna nanerana ny faritr'i Efraima sy Manase, ny lalana rehetra nankany Zebolona, fa nihomehy sy naneso azy ireo ny olona. [11]Na izany aza, ny sasany tamin'ny lehilahin'i Aseraha sy Manase ary Zebolona dia nanetry tena ka tonga tany Jerosalema. [12]Tonga tamin'i Joda ihany koa ny tanan'Andriamanitra, mba hanome fo iray azy ireo, mba hanatanteraka ny didin'ny mpanjaka sy ireo mpitarika tamin'ny alalan'ny tenin'i Yaveh.
[13]Vahoaka maro, fiangonana lehibe tokoa, no tafangona tany Jerosalema mba hankalaza ny firavoravoana amin'ny Mofo tsy misy Masirasira tamin'ny volana faharoa. [14]Dia nitsangana izy ireo ary naka ireo alitara izay tany Jerosalema, sy ireo alitara rehetra ho an'ny ditin-kazo manitra; natsipin'izy ireo tany amin'ny lohasahan-driaka Kidrona izany. [15]Avy eo dia namono ny zanak'ondrin'ny Paska izy ireo tamin'ny andro fahefatra ambin'ny folon'ny volana faharoa. Menatra ireo mpisorona sy ireo Levita, ka nanamasina ny tenany sy nitondra fanatitra dorana tao an-tranon'i Yaveh izy ireo.
[16]Nijoro teny amin'ny toerany avy araka ny fizaràny izy ireo, manaraka ireo torolalana nomena tao amin'ny laläàn'i Mosesy, ilay lehilahin'Andriamanitra. Nafafin'ireo mpisorona ny rà izay noraisiny avy tamin'ny tanan'ireo Levita. [17]Satria nisy maro tamin'ny fiangonana no tsy nanamasina ny tenany. Noho izany dia namono ny zanak'ondrin'ny Paska ho an'ny olona rehetra tsy voadio sy tsy afaka nanamasina ny soron'izy ireo ho an'i Yaveh ireo Levita.
[18]Fa vahoaka marobe, maro tamin'izy ireo avy any Efraima sy Manase, Isakara sy Zebolona, no tsy nanadio ny tenan'izy, nefa nihinana ny sakafon'ny Paska ihany izy ireo, tsy araka izay fampianarana voasoratra. Dia nivavaka ho azy ireo i Hezekia, nanao hoe: "Enga anie Yaveh tsara hamindra fo ny olona rehetra [19]izay manefy ny fony hitady an'Andriamanitra, Yaveh, ilay Andriamanitr'ireo razambeny, na dia tsy voadio tamin'ny fahadiovana araka ny fenitry ny fitoerana masina aza izy." [20]Ka dia nihaino an'i Hezekiah i Yaveh ary nanasitrana ny vahoaka.
[21]Ny vahoakan'Israely izay tany Jerosalema dia nitandrina tamin-kafaliam-be ny firavoravoana amin'ny Mofo tsy misy Masirasira nandritry ny hafitoana. Ireo Levita sy ireo mpisorona dia nidera an'i Yaveh isan'andro isan'andro, nihira niaraka tamin'ny zava-maneno mafy ho an'i Yaveh. [22]Ary Hezekiah nampahery ireo Levita rehetra izay nahatakatra ny fanompoana an'i Yaveh. Koa dia nihinana tamim-piravoravoana nandritry ny hafitoana izy ireo, nanolotra ireo sorona ho fanati-pihombonana, ary nibebaka tamin'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razam-ben'izy ireo.
[23]Ary ny fiangonana manontolo nanapa-kevitra ny hankalaza hafitoana hafa, ka nanao izany tamin-kafaliana izy ireo.
[24]Ary Hezekia mpanjakan'i Joda nanome ombilahy arivo sy ondry fito arivo ho an'ny fiangonana ho fanatitra; ary ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mpitarika nanome ombilahy arivo sy ondry aman'osy iray alina ho an'ny fiangonana. Mpisorona maro an'isa no nanamasina ny tenany.
[25]Ny fiangonan'i Joda rehetra, miaraka amin'ireo mpisorona sy ireo Levita, ary ny vahoaka rehetra izay niara-tonga avy tany Israely, ary ireo vahiny izay tonga avy tany amin'ny tanin'Israely sy ireo izay nipetraka tany Joda dia nifaly avokoa.
[26]Ka dia nisy fifaliam-be tao Jerosalema, fa hatramin'ny fotoan'i Solomona zanak'i Davida, mpanjakan'Israely, dia tsy mbola nahitana tahaka izany tao Jerosalema. [27]Ary nitsangana sy nitso-drano ny vahoaka ireo mpisorona, sy ireo Levita. Re ny feon'izy ireo, ary ny vavak'izy ireo niakatra tany an-danitra, ilay fitoerana masina izay onenan'Andriamanitra.

31 [1]Ary rehefa vita izany rehetra izany, dia nivoaka ho any amin'ireo tanànan'i Joda ny vahoakan'Israely rehetra izay tany ka nanorotoro ireo andrim-bato sy nanapaka ireo baon'Aseraha, ary noravan'izy ireo ny fitoerana avo sy ireo alitara tao amin'i Joda sy Benjamina, sy tao Efraima ary Manase rehetra, mandra-paharavan'izy ireo azy rehetra. Dia niverina ny vahoakan'Israely rehetra, ny tsirairay tany amin'ny fananany sy ny tanànany avy.
[2]Notendren'i Hezekia ny fizaràn'ireo mpisorona sy ireo Levita voalamina araka ny fizaràn'izy ireo, ny lehilahy tsirairay notendrena tamin'ny asany, dia ireo mpisorona sy ireo Levita. Notendreny izy ireo mba hanao ny fanatitra dorana sy fanati-pihombonana, mba hanompo, mba hanolotra fisaorana, ary mba hidera eo amin'ireo vavahadin'ny tempolin'i Yaveh. [3]Notendreny ihany koa ny anjaran'ny mpanjaka ho an'ny fanatitra dorana avy amin'ireo fananany manokana, izany dia, ho an'ny fanatira dorana maraina sy fanatitra dorana hariva, ary ny fanatitra dorana ho amin'ny andro sabata, ireo volana vaovao, sy ny andro firavoravoana voatendry, araka izay voasoratra ao amin'ny lalàn'i Yaveh.
[4]Ankoatra izay, nandidy ny vahoaka izay nipetraka tany Jerosalema mba hanome anjara ho an'ireo mpisorona sy ireo Levita izy, mba hahafahan'izy ireo mifantoka amin'ny fankatoavana ny lalàn'i Yaveh. [5]Vantany vao nalefa ny baiko, dia nomen'ny vahoakan'Israely tamin'ny fahalala-tanana ireo voaloham-bokatry ny vary, divay vaovao, diloilo, tantely, sy ny avy amin'ireo vokatra tany an-tsaha. Nentin'izy ireo ny ampahafolon'ny zavatra rehetra; izay tena be dia be.
[6]Ny vahoakan'Israely sy Joda izay nonina tao amin'ireo tanànan'i Joda ihany koa dia nitondra ny ampahafolon'ny biby fiompy sy ondry, ary ny ampahafolon'ireo zava-masina izay natokana ho an'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo, ary nangonin'izy ireo ho antonta izany. [7]Tamin'ny volana fahatelo no nanombohan'izy ireo nanangona ny fandraisana anjarany ho antontany, ka nofaranan'izy ireo tamin'ny volana fahafito. [8]Rehefa tonga ary nijery ireo antontany i Hezekia sy ireo mpitarika, dia nisaotra an'i Yaveh sy ny Israely vahoakany izy ireo.
[9]Avy eo Hezekia nanontany an'ireo mpisorona sy ireo Levita momba ireo antontany. [10]Azaria, mpisoronabe, avy amin'ny fokon'i Zadoka, namaly azy ary nanao hoe: "Satria ireo vahoaka nanomboka nitondra fanatitra tao an-tranon'i Yaveh, dia nihinana izahay ka voky, ary feno ambiny, satria efa notahian'i Yaveh ny vahoakany. Ireo zavatra be dia be eto ireo no ambiny." [11]Dia nandidy ny hanomanana trano fitehirizana ao an-tranon'i Yaveh i Hezekia, ka dia nomanin'izy ireo izany.
[12]Avy eo nentin'izy ireo tamim-pahatokiana ilay fanatitra, ny ampahafolony sy ireo zavatra izay an'i Yaveh. Konania, ilay Levita, no mpitantana nisahana ireo, ary Simey, rahalahiny, no faharoa nanampy azy. [13]Jehiela, Azazia, Nahata, Asahela, Jerimota, Jozabada, Eliala, Jismakia, Mahata, ary Benaia no mpitantana teo ambany fahefan'i Konania sy Simey rahalahiny, tamin'ny fanendren'i Hezekia, mpanjaka, sy Azaria, manam-boninahitra teo amin'ny tranon'Andriamanitra.
[14]Kore zanaka lahin'i Jimna ilay Levita, mpiandry varavarana teo atsinanan'ny vavahady, no teo amin'ny fanatitra an-tsitrapo ho an'Andriamanitra, nisahana ny fizaràna ireo fanatitra ho an'i Yaveh sy ireo fanatitra masina indrindra. [15]Teo ambany fahefany no nisy an'i Edena, Miamina, Jesoa, Semaia, Amaria, ary Sekania, tao amin'ny tanànan'ireo mpisorona. Nofenoin'izy ireo fahatokiana ireo anjara fanompoana, mba hanomezana ireo fanatitra ireo ho an'ny rahalahin'izy ireo isam-pizaràna, dia ny manan-danja sy ny tsy manan-danja.
[16]Nomen'izy ireo ihany koa ireo lehilahy telo taona no miakatra, izay voatanisa tao amin'ny firaketana an-tsoratr'ireo razambeny izay niditra tao an-tranon'i Yaveh, araka izay notakian'ny fanao andavanandro, mba hanao ny asa tao amin'ireo anjara fanompoany sy fizaràn'izy ireo. [1]
[17]Nozarain'izy ireo ho an'ny mpisorona araka ny firaketana an-tsoratr'ireo razambeny, ary toy izany koa ho an'ireo Levita roapolo taona no mihoatra, araka ny asa fanompoany sy fizaràn'izy ireo. [18]Tafiditra anatin'izany ny zanany madinika, ireo vadiny, ireo zanany lahy, ary ireo zanany vavy, manerana ny fiarahamonina manontolo, satria izy ireo dia nahatoky tamin'ny fitandremana ny tenan'izy ireo ho masina. [19]Ho an'ireo mpisorona, dia ireo taranak'i Arona, izay tany an-tsaha tany amin'ireo zana-bohitra tao an-tanànan'izy ireo, na tany amin'ny tanàna rehetra, dia nisy lehilahy notendrena tamin'ny anarana mba hanome anjara ho an'ireo lehilahy rehetra teo amin'ireo mpisorona, sy ho an'ireo rehetra izay voatanisa tao amin'ny firaketana an-tsoratr'ireo razambeny teo amin'ireo Levita.
[20]Nataon'i Hezekia nanerana an'i Joda rehetra izany. Notanterahiny izay tsara, marina, ary mahatoky teo imason'i Yaveh, Andriamaniny. [21]Isaky ny tetikasa izay natombony tao amin'ny fanompoana tao an-tranon'Andriamanitra, ny lalàna, ary ireo didy, mba hitadiavana ny Andriamaniny, dia notanterahiny tamin'ny fony manontolo izany, ka nahomby izy.

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe "lehilahy telo taona no miakatra", ny dika-teny sasany manao hoe "lehilahy telopolo taona no miakatra".

32 [1]Taorian'ireo zavatra sy asam-pahatokiana ireo, dia tonga ary niditra tao Joda i Sankeriba, mpanjakan'i Asyria. Nitoby hanafika ireo tanàna mimanda izy, izay nokasainy ho baboina.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[2]Rehefa hitan'i Hezekia fa efa tonga i Sankeriba ary izy nikasa hiady amin'i Jerosalema, [3]dia nifampidinika tamin'ireo mpitariny sy ireo lehilahiny manam-pahefana izy ny hampiatoana ny ranon'ireo loharano izay teo ivelan'ny tanàna; dia nanampy azy hanao izany izy ireo. [4]Olona maro no niangona sy nampiato ireo loharano rehetra sy ny rano mikoriana izay namakivaky ny afovoan'ny tany. Hoy izy ireo hoe: "Nahoana ny mpanjakan'i Asyria no tonga hitady rano be?"
[5]Be herim-po i Hezekia ka nanangana ny manda rehetra izay rava. Nanangana ireo tilikambo ho avo kokoa, sy ny manda hafa any ivelany ihany koa izy. Nanamafy ny Milo tao amin'ny tanànan'i Davida ihany koa izy, ary nanamboatra fitaovam-piadiana sy apinga marobe. [1]
[6]Nametraka mpifehy miaramila teo amin'ny vahoaka izy. Nanangona azy ireo ho eo aminy teo amin'ny tany malalaka teo amin'ny vavahadin'ny tanàna izy ka niteny tamim-pampaherezana tamin'izy ireo. Hoy izy hoe: [7]"Mahereza sy matanjaha. Aza matahotra na kivy nohon'ny mpanjakan'i Asyria sy ireo tafika rehetra miaraka aminy ianareo, fa misy olona momba antsika izay lehibe mihoatra noho ireo izay momba azy. [8]Sandrin'ny nofo fotsiny no momba azy, fa i Yaveh, Andriamanitsika, kosa no momba antsika, mba hanampy antsika, sy hiady ny adintsika." Koa dia nampahery ny tenan'izy ireo tamin'ireo tenin'i Hezekia, mpanjakan'i Joda ireo vahoaka.
[9]Taorian'izany, dia naniraka ireo mpanompony ho any Jerosalema i Sankeriba, mpanjakan'i Asyria (teo anoloan'i Lakisa izy, ary ny tafiny rehetra nomba azy), ho any amin'i Hezekia, mpanjakan'i Joda, sy ny vahoaka rehetra izay tany Jerosalema. Hoy izy hoe: [10]"Izao no lazain'i Sankeriba, mpanjakan'i Asyria: Inona no hianteheranareo mba hiaretana ilay fahirano any Jerosalema?
[11]Moa tsy mamitaka anareo ve Hezekia, mba hahatonga anareo ho fatin'ny mosary sy ny hetaheta, rehefa milaza aminareo izy hoe: 'Yaveh Andriamanitsika no hanavotra antsika eo an-tanan'ny mpanjakan'i Asyria.'? [12]Moa ve tsy io Hezekia io ihany no nanaisotra ireo fitoerana avony sy ireo alitarany ary nandidy ny Joda sy Jerosalema hoe: 'Eo amin'ny alitara iray no tsy maintsy hanompoanareo, ary eo amin'izany no tsy maintsy handoranareo ny soronareo'?
[13]Fantatrareo ve izay efa nataoko sy ireo razambeko tamin'ireo vondron'olona rehetra avy amin'ireo tany hafa? Moa afaka namonjy ny tanin'izy ireo teo ambany fahefako tamin'ny fomba rehetra ve ireo andriamanitr'ireo vondron'olon'ny tany?
[14]Teo amin'ireo andriamanitr'ireo firenena rehetra izay naringan'ny razambeko ireo, moa nisy andriamanitra afaka ny namonjy ny vahoakany hiala teo an-tanako ve? Nahoana ny Andriamanitrareo no tokony hahavonjy anareo eo amin'ny fahefako? [15]Koa aza avela handiso fanantenana sy hitaona anareo amin'ny alalan'izany i Hezekia. Aza mino azy, fa tsy nisy andriamanitry ny firenena na fanjakana afaka namonjy ny olony tsy ho eo an-tanako, na nanaisotra tsy ho eo an-tanan'ireo razambeko. Koa mainka fa ny Andriamanitrareo no hahavonjy anareo amin'ny tanako?"
[16]Mbola niteny ratsy manohitra an'i Yaveh Andriamanitra sy manohitra an'i Hezekia mpanompony aza ireo mpanompon'i Sankeriba. [17]Nanoratra taratasy ihany koa i Sankeriba mba hanesoana an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, ary niteny ratsy taminy. Hoy izy hoe: "Tahaka ireo andriamanitr'ireny firenen'ny tany ireny izay tsy nahavonjy ny olon'izy ireo teo an-tanako, ny Andriamanitr'i Hezekia ihany koa dia tsy hahavonjy ny olony hiala tsy ho eo an-tanako."
[18]Niantso mafy ny vahoakan'i Jerosalema izay tao amin'ny rindrina tamin'ny fitenin'ny jiosy izy ireo, hampitahorana sy hampihorohoroana azy ireo, mba hahafahan'izy ireo mambabo ilay tanàna. [19]Niresaka momban'ilay Andriamanitr'i Jerosalema tahaka ny firesahan'izy ireo momba ireo andriamanitry ny olon'ny tany hafa firenena, izay asa-tanan'ny olona fotsiny ihany, izy ireo.
[20]Hezekia, mpanjaka, sy Isaia, mpaminany, dia nivavaka noho izany zavatra izany ka niantso mafy tany an-danitra izy.
[21]Naniraka anjely i Yaveh, mba hamono ireo lehilahy mpiady, ireo mpifehy, ary ireo manam-pahefan'ny mpanjaka tao an-toby. Ka dia niverina tamin-kenatra tany an-taniny i Sankeriba. Rehefa nankany amin'ny tranon'ny andriamaniny izy, dia novonoin'ny sasany tamin'ireo zanany tamin'ny sabatra tany izy.
[22]Tahaka izany no nanavotan'i Yaveh an'i Hezekia sy ireo mponin'i Jerosalema tamin'ny tanan'i Sankeriba, mpanjakan'i Asyria, ary tamin'ny tanan'ireo hafa rehetra, ka nanome azy ireo fiadanana tamin'ny fomba rehetra. [2] [23]Maro ny nitondra fanatitra ho an'i Yaveh tany Jerosalema, sy fanomezana sarobidy ho an'i Hezekia mpanjakan'i Joda, mba hahatonga azy hisandratra teo imason'ireo firenena rehetra nanomboka tamin'izany fotoana izany.
[24]Ary tamin'izany fotoana izany Hezekia dia narary efa ho faty. Nivavaka tamin'i Yaveh izy, izay niteny taminy ary nanome famantarana azy fa ho sitrana izy. [25]Nefa Hezekia tsy mba namaly an'i Yaveh tamin'izay soa nomena azy, fa niavonavona ny fony. Ka dia tonga taminy, sy tamin'i Joda mbamin'i Jerosalema ny fahatezerana. [26]Na izany aza, dia nanetry tena tamin'ny avonavom-pony ihany Hezekia, izy sy ireo mponin'i Jerosalema, ka tsy tonga tamin'izy ireo ny hatezeran'i Yaveh nandritry ny andron'i Hezekia.
[27]Nanana harena marobe sy voninahitra tokoa i Hezekia. Nanao efi-trano fitehirizana ho an'ny volafotsy, volamena, vato sarobidy, sy ho an'ireo hanitra, ary koa ho an'ireo apinga sy ireo zava-manan-danja samy hafa karazana izy. [28]Nanana trano fitehirizam-bokatra ho an'ny vary, divay vaovao, diloilo, ary trano fihinanam-bilona ho an'ireo biby fiompy karazany rehetra ihany koa izy. Nanana ondry aman'osy tao am-balany ihany koa izy. [29]Fanampin'izany, nanao tanàna ho azy ihany koa izy ary nanana ondry aman'osy sy omby marobe, fa Andrimanitra nanome azy harena be indrindra. [3]
[30]Io Hezekia io ihany no nanampina ny loharano avy any ambony tany Gihona, sy nampikoriana izany ho any amin'ny ilany andrefan'ny tanànan'i Davida. Nahomby tamin'ireo tetikasany rehetra i Hezekia. [31]Na izany aza, ny amin'ny zavatra mahakasika ireo masoivohon'ireo andriandahin'i Babylona, izay nirahana hankany aminy mba hametra-panontaniana momba ireo izay nahafantatra, ny momban'ilay famantarana mahagaga izay efa natao teo amin'ny tany, dia nandao azy ho irery Andriamanitra, mba hitsapàna azy, ary hahafantarana izay rehetra tao am-pony.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[32]Raha ny amin'ireo zavatra hafa mahakasika an'i Hezekia, ao anatin'izany ireo asa tsy fivadiam-panekeny, indro efa voasoratra ao amin'ny Fahitan'Isaia Mpaminany Zanaka Lahin'i Amosa ireo, sy ao amin'ny bokin'ireo mpanjakan'i Joda sy Israely. [33]Nodimandry tany amin'ireo razambeny i Hezekia, ka nalevin'izy ireo tany amin'ny havoana misy ireo fasan'ny taranak'i Davida izy. Nanome voninahitra azy tamin'ny fahafatesany ny Joda rehetra sy ny mponin'i Jerosalema. Ary Manase zanany lahy no tonga mpanjaka nandimby azy.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe "Nanangana ireo tilikambo ho avo kokoa izy", ireo dika-teny sasany taloha sy taty aoriana manao hoe "Nanangana tilikambo teo amin'izany izy", izany hoe, teo amin'ilay rindrina.
[2]Fanamarihana: Raha tokony hoe "Nanome azy ireo fiadanana tamin'ny fomba rehetra", ireo dikan-teny sasany taloha sy taty aoriana dia manao hoe "Nitarika azy ireo tamin'ny fomba rehetra", tsy voamarina mazava ny vakiteny fototra.
[3]Fanamarihana: Raha tokony hoe "tanàna", dia ireo dikan-teny sasany taty aoriana manao hoe "boriky", ary ireo dikan-teny sasany hafa taty aoriana dia manala tanteraka ilay teny.

---

33 [1]Roa ambin'ny folo taona i Manase raha nanomboka nanjaka; nanjaka nandritry ny dimy amby dimam-polo taona tany Jerosalema izy. [2]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy, tahaka ireo zavatra maharikorikon'ireo firenena izay efa nasoron'i Yaveh teo anatrehan'ny vahoakan'Israely. [3]Fa nanangana indray ireo fitoerana avo izay noravan'i Hezekia rainy, ary nanangana ireo alitara ho an'ireo Bala izy, nanao ireo baon'Aseraha izy, ary niankohoka teo amin'ireo kintan'ny lanitra ary nanompo azy ireo.
[4]Nanorina alitara fanompoan-tsampy tao an-tranon'i Yaveh i Manase, na dia nandidy aza Yaveh hoe: "Any Jerosalema no itoeran'ny anarako mandrakizay." [5]Nanamboatra alitara ho an'ireo kintan'ny lanitra rehetra teo amin'ny kianja roan'ny tranon'i Yaveh izy. [6]Nodorany tao an-dohasahan'i Ben-hinoma ireo zanany lahy. Nanao fanandroana sy sikidy izy; namaky fahitana izy; ary nandeha tany amin'ireo izay miresaka amin'ny maty sy ireo miresaka amin'ireo fanahy. Nanao zava-dratsy maro teo imason'i Yaveh izy ary niantsy ny fahatezeran'Andriamanitra.
[7]Ny sary sokitr'i Aseraha izay namboariny, napetrany tao an-tranon'Andriamanitra izany. ny momban'io trano io no noresahan'Andriamanitra tamin'i Davida sy Solomona zanany lahy; izao no nolazainy: "Eto amin'ity trano ity sy any Jerosalema, izay efa nofidiko tamin'ny fokon'Israely rehetra, no hametrahako ny anarako mandrakizay. [8]Tsy hafindrako amin'ny tany izay notendreko ho an'ny razamben'izy ireo intsony ny vahoakan'Israely, raha toa ka mitandrina izay rehetra nandidiko azy ireo, manaraka ny lalàna, fitsipika, ary ireo didy izay nomeko azy ireo tamin'ny alalan'i Mosesy izy ireo." [9]Notarihan'i Manase hanao ratsy mihoatra lavitra noho ireo firenena izay efa naringan'i Yaveh teo anatrehan'ny vahoakan'Israely i Joda sy ny mponina tao Jerosalem.
[10]Niresaka tamin'i Manase sy tamin'ny olony i Yaveh, fa tsy niraharaha izy ireo. [11]Koa nentin'i Yaveh teo aminy ireo mpifehy ny tafiky ny mpanjakan'i Asyria, izay naka an'i Manase tamin'ny rojo vy, namatotra azy tamin'ny rojo vy ary namoaka azy ho any Babylona
[12]Raha tao anatin'ny fahoriana i Manase, dia nitalaho tamin'i Yaveh, Andriamaniny, ary nanetry fatratra ny tenany teo anatrehan'ny Andriamanitr'ireo razambeny. [13]Nivavaka taminy izy; ary Andriamanitra no nitalahoany, ka ren'Andriamanitra ny fitalahoany ary nentiny niverina ho any Jerosalema, tany amin'ny fanjakany izy. Ary dia fantatr'i Manase fa Yaveh no Andriamanitra.
[14]Taorian'izany, Manase dia nanamboatra manda ivelany teo amin'ny tanàn'i Davida, teo amin'ny ilany andrefan'i Gihona, tany an-dohasaha, teo amin'ny fidirana amin'ny Vavahadin-kazandrano. Nanodidina ny havoan'i Ofela izy ary nanangana ny manda ho tena avo. Nametraka mpifehy mahery fo teo amin'ny tanàna mimanda rehetran'i Joda izy. [15]Nesoriny tsy ho ao an-tranon'i Yaveh ireo andriamanin-kafa, ny sampy, ary ireo alitara rehetra izay namboariny teny an-tendrombohitry ny tranon'i Yaveh sy tany Jerosalema, ary nariany tany ivelan'ny tanàna izany.
[16]Naoriny indray ny alitaran'i Yaveh ary nanolotra sorona ho fanati-pihombonana sy fanati-pisaorana teo izy; nandidy an'i Joda hanompo an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely izy. [17]Na izany aza, ny vahoaka dia mbola nanao sorona teo amin'ireo fitoerana avo ihany, nefa ho an'i Yaveh irery, izay Andriamanitr'izy ireo.
[18]Raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Manase, ny vavaka nataony tamin'Andriamaniny, sy ny tenin'ireo mpahita izay niteny taminy tamin'ny anaran'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, indro, voasoratra ao amin'ny asan'ireo mpanjakan'Israely izany. [19]Ao anatin'izany ny tantaran'ny vavaka nataony, sy ny fihetseham-pon'Andriamanitra tamin'izany. Ao ihany koa ny fahotany sy ireo fahadisoany rehetra, ary ireo toerana izay nananganany ireo fitoerana avo sy nametrahany ireo baon'Aseraha sy ny sarin-javatra voasokitra, talohan'ny nanetreny ny tenany— voasoratra ao amin'ny Tantaran'ireo Mpahita izany. [1] [20]Ary nodimandry tany amin'ireo razambeny i Manase, ka nalevin'izy ireo tao an-tranony. Amona, zanany lahy, no tonga mpanjaka nandimby azy.
[21]Roa amby roapolo taona i Amona raha nanomboka nanjaka; nanjaka nandritry ny roa taona tany Jerosalema izy.
[22]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy, tahaka izay efa nataon'i Manase, rainy. Nanao sorona ho an'ireo sarin-javatra voasokitra rehetra izay efa nataon'i Manase rainy i Amona, ary nanompo ireo izy. [23]Tsy nanetry tena teo anatrehan'i Yaveh izy, tahaka izay efa nataon'i Manase rainy. Fa kosa, ity Amona ity ihany dia nanao fahadisoana betsaka kokoa.
[24]Nanao tetika hanohitra azy ireo mpanompony ary namono azy tao an-tranony ihany. [25]Fa ny mponin'ny tany namono ireo rehetra izay nitetika hanohitra an'i Amona Mpanjaka, ary nataon'izy ireo ho mpanjaka nandimby azy i Josia, zanany lahy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Ny sasany amin'ireo dika-teny amin'izao fotoana dia manao hoe: "Ny Tantaran'i Hozia", izay famaky ny lahatsoratra niaingana. Kanefa maro ireo dika-teny amin'izao fotoana no manitsy izany ka mamaky hoe "Ny Tantaran'ireo Mpahita". Misy koa dika-teny sasantsasany amin'izao fotoana manao hoe "Ny Tantaran'ireo mpahitany".

34 [1]Valo taona i Josia no nanomboka nanjaka; nanjaka nandritry ny iraika amby telopolo taona tao Jerosalema izy.
[2]Nanao izay marina teo imason'i Yaveh, sy nandeha tamin'ny lalan'i Davida razambeny, ary tsy mba nivily niankavanana na niankavia izy. [3]Ary tamin'ny taona fahavalo nanjakany, raha mbola tanora izy, dia nanomboka nitady an'ilay Andriamanitr'i Davida, razambeny. Tamin'ny taona faharoa ambin'ny folo, dia nanomboka nanadio an'i Joda sy Jerosalema avy teo amin'ny fitoerana avo izy, ny baon'Aseraha, sy ny sarin-javatra voasokitra ary ny sarin-javatra vita tamin'ny vy.
[4]Noravan'ny vahoaka teo anatrehany ireo alitaran'i Bala; nokapainy ny alitaran'ny ditin-kazo manitra izay teo ambonin'ireo. Notorotoroiny ireo baon'Aseraha sy ireo sarin-javatra voasikotra, ary ireo sarin-javatra vita tamin'ny vy ambara-pahatonga ireny ho vovoka. Naparitany teo amin'ny fasan'ireo izay nanao sorona ho an'izany ny vovoka.
[5]Nodorany teo amin'ny alitarany ny taolan'ireo mpisorony. Tahaka izany ny fomba, nanadiovany an'i Joda sy Jerosalema.
[6]Nataony tahaka izany koa ireo tanànan'i Manase, Efraima, ary Simeona, ny lalana rehetra nankany Naftaly, sy teo amin'ireo faharavana izay nanodidina izany. [7]Noravàny ireo alitara, nopotehiny ho tonga vovoka ireo baon'Aseraha sy ireo sarin-javatra voasokitra, ary nokapainy ny alitaran'ny ditin-kazo manitra nanerana ny tanin'Israely rehetra; niverina tany Jerosalema izy avy eo.
[8]Ary tamin'ny taona fahavalo ambin'ny folo nanjakany, rehefa voadion'i Josia ny tany sy ny tempoly, dia naniraka an'i Safana zanaka lahin'i Azalia, Maseia, governoran'ny tanàna, ary i Joa zanaka lahin'i Joahaza mpitantsoratra izy, mba hanamboatra indray ny tranon'i Yaveh Andriamaniny. [9]Nankany amin'i Hilkia, mpisoronabe izy ireo, ary nanankina taminy ny vola izay nentina tao amin'ny tranon'Andriamanitra, izay efa nangonin'ireo Levita, sy ireo mpiandry varavarana avy tamin'i Manase sy Efraima, avy tamin'ireo sisa tamin'Israely rehetra, avy tamin'i Joda sy Benjamina rehetra, ary avy tamin'ireo mponin'i Jerosalema.
[10]Nankinin'izy ireo tamin'ireo lehilahy izay nanara-maso ny asa teo amin'ny tempolin'i Yaveh ny vola. Ireo lehilahy ireo no nanakarama ny mpiasa izay nanamboatra sy namerina ny tempoly tamin'ny laoniny. [11]Naloan'izy ireo tamin'ireo mpandrafitra sy ireo mpanangana izany mba hividianana vato voapaika sy hazo ho fandrefesana, ary hanamboarana andry ho an'ireo rafitra izay noravan'ireo mpanjakan'i Joda sasany.
[12]Nanao ny asa tamim-pahatokiana ireo lehilahy. Ireo mpanara-masony dia Jahata sy Obadia, ireo Levita, avy amin'ny zanaka lahin'i Merary; ary Zakaria sy Mesolama, avy amin'ireo zanaka lahin'ireo Kehatita. Ireo levita hafa, izay mpitendry zava-maneno tena mahay rehetra, mpanoro akaiky ireo mpiasa. [13]Ireo levita ireo dia nisahana ireo izay nitondra ny fitaovan'ny trano lehibe sy ireo lehilahy rehetra izay nanao ny asa samy hafa. Nisy ihany koa ireo Levita izay mpitan-tsoratra, mpandrindra, ary mpiandry vavahady.
[14]Rehefa navoakan'izy ireo ny vola izay nentina tao an-tranon'i Yaveh, dia hitan'i Hilkia mpisorona ny bokin'ny lalàn'i Yaveh izay nomena tamin'ny alalan'i Mosesy. [15]Hoy Hilkia tamin'i Safana mpanora-dalàna hoe: "Hitako tao an-tranon'i Yaveh ny bokin'ny lalàna." Nentin'i Hilkia tany amin'i Safana ilay boky. [16]Nentin'i Safana tany amin'ny mpanjaka ilay boky, sady nitatitra taminy ihany koa, nanao hoe: "Ireo mpanomponao dia manao ny zavatra rehetra izay nankinina tamin'izy ireo.
[17]Efa noraofin'izy ireo ny vola izay hita tao an-tranon'i Yaveh, ary nomeny teo an-tanan'ireo mpanara-maso sy ireo mpiasa izany." [18]Nilaza tamin'ny mpanjaka i Safana mpanora-dalàna hoe: "Nomen'i Hilkia mpisorona boky aho." Ary novakian'i Safana tamin'ny mpanjaka izany. [19]Ary rehefa ren'ny mpanjaka ireo tenin'ny lalàna, dia nandrotika ny akanjony izy.
[20]Ny mpanjaka nandidy an'i Hilkia, Ahikama zanaka lahin'i Safana, Abdona zanaka lahin'i Mika, Safana mpanora-dalàna, ary Asaia, mpanompony manokana, nanao hoe: [21]"Mandehana ary anontanio ho ahy ny sitrapon'i Yaveh, ary koa ho an'ireo izay tavela any Israely sy any Joda, nohon'ny tenin'ilay boky izay efa hita. Fa lehibe izany, dia ny fahatezeran'i Yaveh izay efa nilatsaka tamintsika. Lehibe izany, noho ireo razambentsika tsy nihaino ny voalazan'ny boky ny mba hankatoavana izay voasoratra rehetra tao amin'izany."[1]
[22]Ary Hilkia, sy ireo izay nodidian'ny mpanjaka, dia nankany amin'i Holda mpaminany vavy, vadin'i Saloma zanaka lahin'i Tokehata zanaka lahin'i Hasra, mpitahiry akanjon'ny fisoronana (Nonina tao Jerosalema tao amin'ny tanàna ambany izy), ary tamin'izany fomba izany no niresahan'izy ireo taminy.
[23]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Izao no lazain'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely: Lazao ilay lehilahy izay naniraka anareo taty amiko hoe: [24]'Izao no lazain'i Yaveh: Indro, eo am-pitondrana loza eto amin'ity toerana ity sy ireo mponiny Aho, ireo ozona rehetra izay efa voasoratra tao amin'ilay boky izay efa voavakin'izy ireo teo anatrehan'ny mpanjakan'i Joda.
[25]Satria efa nahafoy Ahy ary efa nandoro ny ditin-kazo manitra ho an'ireo andriamani-kafa izy ireo, mba hiantsiana Ahy amin'ny fahatezerana tamin'ireo zavatra rehetra nataon'izy ireo—noho izany dia hiraraka amin'ity toerana ity ny fahatezerako, ary tsy ho faty izany.' [2]
[26]Fa ho an'ny mpanjakan'i Joda, izay naniraka anareo mba hanontany an'i Yaveh izay tokony hataony, dia izao no ho lazainareo aminy: 'Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely milaza izao: Ny amin'ny teny izay renao, [27]satria ianao dia tso-po, sy nanetry tena teo anatrehan'Andriamanitra rehefa renao ny teniny hamely ity toerana ity sy ireo mponiny, ary satria ianao nanetry tena teo anatrehako ary nandrotika ny akanjonao sy nitomany teo anatrehako, dia efa nihaino anao ihany

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

koa Aho—izany no fanambaran'i Yaveh— [28]indro, hangoniko ho eo amin'ireo razambenao ianao. Ho voaangona ao amin'ny fasanao am-piadanana ianao, ary ny masonao dia tsy hahita ny loza izay ho entiko eto amin'ity toerana ity sy ireo mponiny.'" Nentin'ireo lehilahy tany amin'ny mpanjaka izany hafatra izany.
[29]Avy eo ny mpanjaka naniraka mpitondra hafatra ka namory ny loholon'i Joda sy Jerosalema rehetra. [30]Ary niakatra tao an-tranon'i Yaveh ny mpanjaka, sy ireo lehilahin'i Joda rehetra ary ireo mponin'i Jerosalema, sy ireo mpisorona, ireo Levita, ary ny vahoaka rehetra, hatramin'ny lehibe ka hatramin'ny kely. Ary novakiany tamin'izy ireo ny teny rehetran'ny bokin'ny Fanekena izay hita tao an-tranon'i Yaveh.
[31]Nitsangana teo amin'ny fitoerany ny mpanjaka ary nanao fanekena teo anatrehan'i Yaveh, fa hanaraka an'i Yaveh, sy hitandrina ireo didiny, ireo fitsipiny, ary ireo lalàny, amin'ny fony rehetra sy ny fanahiny rehetra, hankatò ireo tenin'ny fanekena izay voasoratra ao amin'izany boky izany. [32]Niteny tamin'ny olona rehetra izay hita tao Jerosalema sy Benjamina izy mba hanaiky ilay fanekena. Tamin'ny fankatoavana no nanaovan'ny mponin'i Jerosalema ny faneken'Andriamanitra, ilay Andriamanitry ny razamben'izy ireo.
[33]Nesorin'i Josia teo amin'ny tany ireo zavatra fahvetavetana rehetra izay an'ny vahoakan'Israely. Nampanompoany an'i Yaveh, Andriamanitr'izy ireo ny olona rehetra tany Israely. Fa tamin'ny androny rehetra, dia tsy nivily tamin'ny fanarahana an'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny razambeny izy ireo.

---

[1]Fanamarihana: raha tokony hoe "izay efa nilatsaka tamintsika", ny dika-teny sasany manao hoe: "izay efa nirehitra tamintsika"
[2]Fanamarihana: Raha tokony hoe "hilatsaka amin'ity toerana ity", ireo dikan-teny sasany manao hoe: "hirehitra amin'ity toerana ity."

---

35 [1]Nitandrina ny Paska ho an'i Yaveh tao Jerosalema i Josia, ary novonoin'izy ireo tamin'ny andro fahefatra ambin'ny folon'ny volana voalohany ireo ondrin'ny Paska. [2]Napetrany teny amin'ny fitoerany ireo mpisorona ka nampaherezin'y tamin'ny asa fanompoana ny tranon'i Yaveh izy ireo.
[3]Hoy izy tamin'ireo Levita izay nampianatra ny Israely rehetra sy izay voatokana ho an'i Yaveh hoe: "Apetraho ao amin'ny trano izay namboarin'i Solomona zanak'i Davida, mpanjakan'Israely ilay fiara masina. Aza lanjaina eny amin'ny sorokareo intsony izany. Ary derao Yaveh Andriamanitrareo, ary tompoy Israely vahoakany. [4]Mifandamìna ianareo araka ny anaran'ny firazananareo sy ny fizaranareo, araka ireo toromarika nosoratan'i Davida, mpanjakan'Israely, sy ireo an'i Solomona, zanany lahy.
[5]Mijoroa eny amin'ny fitoerana masina, raiso ny toeranareo sy ny fizaranareo ao amin'ny taranak'ireo rahalahinareo, ireo taranaky ny vahoaka, ary alaivo ny toeranareo sy ny fizaranareo ao amin'ny taranakin'ny razamben'ireo Levita. [6]Vonoy ny ondrin'ny Paska, hamasino ny tenanareo, omano ho an'ireo rahalahinareo ny ondry, mba hatao araky ny tenin'i Yaveh izay nomena tamin'ny alalan'ny tanan'i Mosesy."
[7]Nanome ondry telo alina ho an'ny vahoaka rehetra Josia ary zanak'osy tamin'ireo ondry aman'osy ho amin'ny fanatitry ny Paska ho an'ireo rehetra izay nanatrika. Nanome omby telo arivo ihany koa izy; ireo dia avy tamin'ny fananan'ny mpanjaka. [8]Ireo mpitariny dia nanome fanati-tsitrapo ho an'ny vahoaka, ireo mpisorona, ary ireo Levita. Hilkia, Zakaria, ary Jehiela, manam-boninahitra niandraikitra ny tranon'Andriamanitra, dia nanome zanaka biby fiompy 2. 600 sy omby telonjato ho fanatitry ny Paska ho an'ireo mpisorona. [9]Konania, sy Semahia ary Natanaela, rahalahiny, sy Hasabia, Jehiela, ary Jozabada, ireo lehiben'ireo Levita ihany koa, dia nanome biby fiompy kely dimy arivo sy omby diman-jato ho fanatitry ny Paska ho an'ireo Levita.
[10]Koa dia vonona ny fanompoana, ary nipetraka teny amin'ny fitoerany ireo mpisorona, niaraka tamin'ireo Levita araka ny fizaran'izy ireo, ho valin'ny didin'ny mpanjaka. [11]Novonoin'izy ireo ny ondrin'ny Paska, ary nafafin'ireo mpisorona ny rà izay noraisin'izy ireo avy tamin'ny tanan'ireo Levita, ary ireo Levita nanala ny hoditr'ireo zanak'ondry. [12]Nesorin'izy ireo ny fanatitra dorana, mba hizaràna ireo ho an'ireo fizaran'ny taranaky vahoaka, mba hanolorana ireo ho an'i Yaveh, araka ny voasoratra tao amin'ny Bokin'i Mosesy. Nataon'izy ireo toy izany koa ireo omby.
[13]Natonon'izy ireo tamin'ny afo araka ny toromarika ireo zanak'ondrin'ny Paska. Raha ny amin'ireo fanatitra nohamasinina, dia nampangotrahan'izy ireo tao anaty vilany, vilanibe, sy fanendasana ireo, ary nolanjain'izy ireo faingana tany amin'ny vahoaka rehetra izany. [14]Taorian'izany dia nanomana fanatitra ho an'ny tenan'izy ireo sy ho an'ireo mpisorona izy ireo, satria ireo mpisorona, taranak'i Arona, dia sahirana tamin'ny fanolorana ny fanatitra dorana sy ny sabora mandra-paha alin'ny andro, koa dia nanomana ireo fanatitra ho azy ireo sy ny mpisorona, taranak'i Arona, ireo Levita.
[15]Ireo mpihira, taranak'i Asafa, dia tao amin'ny toeran'izy ireo, araka ny torolalan'i Davida, Asafa, Hemana, ary Jedotona mpaminanin'ny mpanjaka, ary ireo mpiambina dia teny amin'ny vavahady rehetra. Tsy nahazo nandao ny toerany izy ireo, satria ireo Levita rahalahin'izy ireo dia nanao fanomanana ho azy ireo.
[16]Noho izany, tamin'izany fotoana izany ny asa fanompoana an'i Yaveh rehetra dia notanterahina ho amin'ny fankalazana ny Paska sy hanolorana fanatitra dorana eo amin'ny alitaran'i Yaveh, araka ny nandidian'i Josia mpanjaka. [17]Ny vahoakan'Israely izay nanatrika dia nitandrina ny Paska tamin'izany fotoana izany, ary avy eo ny Firavoravoana amin'ny Mofo tsy misy Masirasira nandritry ny fito andro.
[18]Tsy mbola nisy fankalazana ny Paska toy izany tao Israely nanomboka tamin'ny andron'i Samoela mpaminany, ary tsy nisy mihitsy tamin'ireo mpanjakan'Israely hafa nankalaza ny Paska toy ny nataon'i Josia, niaraka tamin'ireo mpisorona,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Levita, sy ny vahoakan'i Joda sy Israely rehetra izay nanatrika, ary ireo mponina tao Jerosalema. [19]Notandrovana izany Paska izany tamin'ny fahavalo ambin'ny folo taona nanjakan'i Josia.
[20]Taorian'izany rehetra izany, taorian'ny nametrahan'i Josia ny tempoly tamin'ny laoniny, dia niakatra mba hiady amin'ireo Karkemisy tao amin'ny ony Eofrata i Neko, mpanjakan'i Egypta, ary Josia nandeha niady taminy. [21]Saingy nandefa masoivoho tany aminy i Neko, nilaza hoe: "Inona no tokony hataoko anao, ry mpanjakan'i Joda? Tsy tonga hanohitra anao aho anio, fa hanohitra ny trano izay hiadiako. Nasain'Andriamanitra nandeha faingana aho, koa manindria fo amin'ny fanoherana an'Andriamanitra, izay momba ahy, raha tsy izany handringana anao Izy."
[22]Na izany aza, dia nandà ny handao azy Josia. Nody nanova tava izy mba hahafahany miady aminy. Tsy nihaino ireo tenin'i Neko izay avy amin'ny vavan'Andriamanitra izy; ka dia nandeha niady tany amin'ny Lohasahan'i Megido izy.
[23]Notifirin'ny mpandefa zana-tsipìka i Josia mpanjaka, ary hoy ny mpanjaka tamin'ireo mpanompony hoe: "Ento aho, fa tena maratra mafy." [24]Ka dia navoakan'ireo mpanompony avy tao amin'ny kalesy izy, ary napetrany tao amin'ny fanampi-kalesiny. Nentin'izy ireo tany Jerosalema, izay nahafatesany izy. Nalevina tao amin'ny fasan'ireo razambeny izy. Nisaona an'i Josia ny Joda sy Jerosalema rehetra.
[25]Nanao hira fisaonana ho an'i Josia i Jeremia; ny mpihira lahy sy vavy rehetra dia misaona an'i Josia mandrak'ankehitriny. Ireo hira ireo dia tonga fomba tao Israely; indro, voasoratra ao amin'ny hira fisaonana ireo. [26]Raha ny amin'ireo zavatra hafa mahakasika an'i Josia, sy ireo asa tsara nataony tamin'ny fankatoavana izay voasoratra tao amin'ny lalàn'i Yaveh— [27]ary ireo asany, nanomboka tany am-piandohana hatramin'ny fiafarana, dia voasoratra ao amin'ny bokin'ireo mpanjakan'i Joda sy Israely.

36 [1]Avy eo ny olona tao amin'ilay tany naka an'i Joahaza zanaka lahin'i Josia, ka nanao azy mpanjaka teo amin'ny toeran'ny rainy tao Jerosalema. [2]Telo amby roa-polo taona Joahaza raha nanomboka nanjaka, ary nanjaka telo volana tao Jerosalema izy.
[3]Nesorin'ny mpanjakan'i Egypta tao Jerosalema izy, ary ny tany nampadoaviny talenta volafotsy zato sy talenta volamena iray. [4]Nataon'ny mpanjakan'i Egypta ho mpanjaka nanerana ny Joda i Eliakima rahalahiny, ary nanova ny anarany ho Joiakima. Avy eo nalainy i Joahaza rahalahin'i Eliakima ary nentiny tany Egypta.
[5]Dimy amby roa-polo taona i Joiakima tamin'izy nanomboka nanjaka, ary nanjaka iraika ambin'ny folo taona tao Jerosalema izy. Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh Andriamaniny izy. [6]Avy eo Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona, nanafika azy sy namatotra azy tamin'ny rojo mba hitarihana azy ho any Babylona. [7]Nitondra ny sasany tamin'ireo zavatra tao an-tranon'i Yaveh ihany koa Nebokadnezara, ary nametraka ireo tany amin'ny lapany tany Babylona.
[8]Raha ny amin'ireo raharaha hafa mahakasika an'i Joiakima, ireo zavatra mahatsiravina izay nataony, sy izay hita nanohitra azy, dia indro, voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ireo mpanjakan'i Joda sy Israely ireny. Ary Joiakina, zanany lahy, no tonga mpanjaka teo amin'ny toerany.
[9]Valo taona Joiakima tamin'izy nanomboka nanjaka; nanjaka telo volana sy folo andro tao Jerosalema izy. Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy. [10]Tamin'ny lohataona, dia naniraka lehilahy i Nebokadnezara ary nitondra azy tany Babylona, niaraka tamin'ireo zavatra sarobidy avy tao an-tranon'i Yaveh, ary nanao an'i Zedekia, havany, ho mpanjaka nanerana an'i Joda sy Jerosalema.
[11]Iraika amby roa-polo taona Zedekia tamin'izy nanomboka nanjaka; nanjaka iraika ambin'ny folo taona tao Jerosalema izy. [12]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh Andriamaniny izy. Ary tsy nanetry tena nanoloana an'i Jeremia mpaminany, izay niteny tamin'ny vavan'i Yaveh izy.
[13]Zedekia ihany koa dia nikomy tamin'i Nebokadnezara, izay nampianiana azy tsy fivadihana taminy tamin'ny alalan'Andriamanitra. Kanefa zedekia nanenjana ny hatony ary nanamafy ny fony mba tsy hitodika amin'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely. [14]Fanampin'izany, ireo mpitariky ny mpisorona sy ny vahoaka dia tsy nahatoky tanteraka, ary nanaraka ny fomba mahatsiravin'ireo firenena izy ireo. Nolotoin'izy ireo ny tranon'i Yaveh izay nohamasininy tany Jerosalema.
[15]Yaveh, ilay Andriamanitry ny razamben'izy ireo, dia nandefa teny foana foana tamin'izy ireo tamin'ny alalan'ireo mpitondra hafany, satria nanana fangoraham-po tamin'ny vahoakany sy tamin'ny toerana nipetrahany Izy. [16]Kanefa naneso ireo mpitondra hafatr'Andriamanitra izy ireo, nanao tsinontsinona ny teniny, ary naniratsira ireo mpaminaniny, mandra-piharan'ny fahatezeran'i Yaveh tamin'ny vahoakany, ambara-paha tsy nisy fanampiana ho an'izany intsony.
[17]Noho izany dia nentin'Andriamanitra teo amin'izy ireo ny mpanjakan'ireo Kaldeana, izay namono ny zatovolahin'izy ireo tamin'ny sabatra tany amin'ny trano fitoerana masina, ary tsy mba nanana fangoraham-po tamin'ireo zatovolahy na ireo virijiny, na ny olona antitra na ny fotsy volo. Natolotr'Andriamanitra teo an-tanany avokoa izy rehetra.
[18]Ireo fanaka rehetra tao an-tranon'Andriamanitra, na lehibe na kely, ireo harena tao an-tranon'i Yaveh, sy ireo haren'ny mpanjaka sy ireo manam-boninahiny— nentiny tany Babylona ireo rehetra ireo. [19]Nodoran'izy ireo ny tranon'Andriamanitra, narodana ny mandan'i Jerosalema, nodorana ny lapany rehetra, ary nopotehina ireo zavatra tsara tarehy rehetra tao amin'izany.
[20]Nentin'ny mpanjaka tany Babylona ireo izay tsy tratran'ny sabatra. Lasa mpanompony sy an'ireo zanany lahy izy ireo mandra-panjakan'ny fanjakan'i Persia. [21]Nitranga izany mba hahatanteraka ny tenin'i Yaveh tamin'ny vavan'i Jeremia,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mandra-pankafizan'ny tany ny fitsaharany amin'ny Sabata. Nanara-maso ny Sabatany izy ireo raha rava sy haolo izany, mba hiaina fito-polo taona tahaka izany.
[22]Ary tamin'ny taona voalohany nanjakan'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia, mba hahatanteraka ny tenin'i Yaveh tamin'ny vavan'i Jeremia, dia nandrisika ny fanahin'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia i Yaveh, mba hanaovany fanambarana manerana ny fanjakany rehetra, ary hanoratra izany ihany koa. Hoy Izy hoe: [23]"'Izao no ambaran'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia: Yaveh, ilay Andriamanitry ny lanitra, no nanome ahy ny fanjakan'ny tany rehetra. Nandidy ahy Izy mba hanangana trano ho Azy any Jerosalema, izay any Joda. Na iza na iza eo aminareo avy amin'ny vahoakany rehetra, dia homba anareo anie Yaveh Andriamanitrareo. Aoka izy hiakatra any amin'ilay tany."

Ezra

1 [1]Tamin'ny taona voalohany nanjakan'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia, dia nanatanteraka ny teniny izay naloaky ny vavan'i Jeremia, ary nanentana ny fanahin'i Kyrosy i Yaveh. Nivoaka nanerana ny fanjakany manontolo ny feon'i Kyrosy. Izao no voasoratra sy voalaza: [2]"'Kyrosy, mpanjakan'i Persia, dia milaza hoe: Yaveh, Andriamanitry ny Lanitra, no nanome ahy ny fanjakana rehetra amin'ny tany, ary nanendry ahy hanorina trano any Jerosalema any Joda ho Azy.
[3]Na iza na iza avy amin'ny vahoakany (homba azy anie ny Andriamaniny) dia afaka miakatra any Jerosalema ary hanorina trano ho an'i Yaveh, Andriamanitr'Israely, ilay Andriamanitra izay any Jerosalema. [4]Ny olona izay anatin'ny fanjakana izay honenan'ireo sisa velona ao amin'izany tany izany dia tokony hanome azy ireo volafotsy sy volamena, fananana sy biby, ary koa fanati-tsitrapo ho an'ny tranon'Andriamanitra any Jerosalema."
[5]Avy eo nitsangana ireo lohan'ireo razamben'ireo fianakaviam-ben'i Joda sy Benjamina, ireo mpisorona sy Levita, ary ny rehetra izay nentanin'Andriamanitra ny fanahiny mba handeha sy hanorina ny tranony. [6]Ireo nanodidina azy ireo dia nanohana ny asan'izy ireo tamin'ny zavatra volafotsy sy volamena, fananana, biby, zava-tsoa, ary fanati-tsitrapo.
[7]Navoakan'i Kyrosy mpanjaka ihany koa ireo zavatra tao an-tranon'i Yaveh izay nentin'i Nebokadnezara avy any Jerosalema ary napetrany tao amin'ny tranon'ireo andriamaniny manokana. [8]Napetrak'i Kyrosy teo an-tanan'i Mitredata mpitahiry vola, izay nanisa ireo ho an'i Sesbazara, mpitarika an'i Joda izany.
[9]Ireto no isan'ireo: koveta volamena telopolo, koveta volafotsy arivo, koveta sivy amby roapolo hafa, [10]lovia jobo volamena telopolo, lovia jobo volafotsy 410, ary zavatra hafa arivo fanampiny. [11]Nisy fanaka 5. 400 volamena sy volafotsy raha atambatra. Nentin'i Sesbazara ireo rehetra ireo rehefa niainga avy any Babylona nankany Jerosalema ireo sesitany.

2 [1]Ireto avy ireo olona tany amin'ny faritany izay niakatra avy tamin'ny fambaboan'i Nebokadnezara mpanjaka, izay nanao sesitany azy ireo tany Babylona, ireo olona izay niverina tany amin'ny tanànan'izy ireo tsirairay any Jerosalema sy any Joda. [2]Tonga niaraka tamin'i Zerobabela, Josoa, Nehemia, Seraia, Relaia, Mordekay, Bilsana, Mispara, Bigvay, Rehoma ary Bana izy ireo. Ireto no lisitr'ireo olon'ny vahoakan'Israely.
[3]Ireo taranak'i Parosy dia: 2. 172. [4]Ireo taranak'i Sefatia dia: 372. [5]Ireo taranak'i Ara dia: 775. [6]Ireo taranak'i Pahatamoaba, avy tamin'i Jesoa sy Joaba dia: 2. 812.
[7]Ireo taranak'i Eliama dia: 1. 254. [8]Ireo taranak'i Zato dia: 945. [9]ireo taranak'i Zakay dia: 760. [10]Ireo taranak'i Bany dia: 642
[11]Ireo taranak'i Bebay dia: 623. [12]Ireo taranak'i Azgada dia: 1. 222. [13]Ireo taranak'i Adonikama dia: 666. [14]Ireo taranak'i Bigvay dia: 2. 056.
[15]Ireo taranak'i Adina dia: 454. [16]Ireo olon'i Atera, avy tamin'i Hezekia dia: valo amby sivifolo. [17]Ireo taranak'i Bezay dia: 323. [18]Ireo taranak'i Jora dia: 112.
[19]Ireo olon'i Hasoma dia: 223. [20]Ireo olon'i Gibara dia: dimy amby sivifolo. [21]Ireo olon'i Betlehema dia: 123. [22]Ireo olon'i Netofa dia: enina amby dimampolo.
[23]Ireo olon'i Anatota dia: 128. [24]Ireo olon'i Azmaveta dia: roa amby efapolo. [25]Ireo olon'i Kiriat-Arima, Kefira ary Berota dia: 743. [26]Ireo olon'i Rama sy Gaba dia: 621.
[27]Ireo olon'i Mikmasy dia: 122. [28]Ireo olon'i Betela sy Ay dia: 223. [29]Ireo olon'i Nebo dia: roa amby dimampolo. [30]Ireo olon'i Magbisy dia: 156.
[31]Ireo olon'i Elama hafa dia: 1. 254. [32]Ireo olon'i Harima dia: 320. [33]Ireo olon'i Loda, Hadida, ary Ono dia: 725.
[34]Ireo olon'i Jeriko dia: 345. [35]Ireo olon'i Sena dia: 3. 630
[36]Ireo mpisorona: ireo taranak'i Jedaia avy amin'ny ankohonan'i Jesoa dia: 973. [37]Ireo taranak'Imera dia: 1. 052. [38]Ireo taranak'i Pasora: 1. 247. [39]Ireo taranak'i Harima dia: 1. 017.
[40]Ireo Levita: ireo taranak'i Jesoa sy Kadmiela, ireo taranak'i Hodavia dia: efatra amby fitopolo. [41]Ireo mpihira ao an-tempoly, taranak'i Asafa dia: 128. [42]Ireo taranak'ireo mpiambina vavahady: ireo taranak'i Saloma, Atera, Talmona, Akoba, Hatita, ary Sobay dia: 139 ny fitambarany.
[43]Ireo izay notendrena mba hanompo ao amin'ny tempoly dia: ireo taranak'i Ziha, Hasofa, Tabaota, [44]Kerosa, Siaha, Padona, [45]Lebana, Hagabaha, Akoba, [46]Hagaba, Salmay, ary Hanana.
[47]Ireo taranak'i Gidela dia: Gahara, Reaia, [48]Rezina, Nekoda, Gazama, [49]Oza, Pasea, Besai, [50]Asna, Meonita ary Nefisita.
[51]Ireo taranak'i Bakboka: Hakofa, Harora, [52]Bazlota, Mehida, Harsa, [53]Barkosa, Sisera, Tema, [54]Nezia, ary Hatifa.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[55]Ireo taranak'ireo mpanompon'i Solomona dia: ireo taranak'i Sotahy, Sofereta, Peroda, [56]Jala, Darkona, Gidela, [57]Sefatia, Hatila, Pokereta-Hazebaima, ary i Amy. [58]392 ny fitambaran'ny taranak'ireo izay notendrena hanompo ao amin'ny tempoly sy ireo taranak'ireo mpanompon'i Solomona.
[59]Ireo izay nandao an'i Tela-Mela, Tela-Harsa, Keroba, Adana ary Imera—nefa tsy afaka ny hanamarina ireo razamben'izy ireo avy amin'Israely [60]—dia anisan'izany ireo taranaka 652 an'i Delaia, Tobia, ary Nekoda.
[61]Avy amin'ny taranak'ireo mpisorona ihany koa dia: ireo taranak'i Habaia, Hakoza, Barzilay (izay naka vady ny zanaka vavin'i Barzilay avy any Gileada ary nantsoina tamin'ny anaran'izy ireo). [62]Nitady ny rakitry ny tetiarany izy ireo, nefa tsy nahita izany, koa dia voaroaka ho toy ny maloto tamin'ny fisoronana izy ireo. [63]Koa nambaran'ny governora tamin'izy ireo fa tsy mahazo mihinana amin'ireo sorona masina izy ireo mandra-paneken'ny mpisorona iray izay mitondra ny Orima sy Tomima.
[64]Ny fitambaran'ny vondrona manontolo dia niisa 42. 360, [65]tsy anatin'izany ireo mpanompon'izy ireo sy ny ankizivavin'izy ireo (ireo dia niisa 7. 337) ary ireo lehilahy sy vehivavy mpihiran'ny tempolin'izy ireo (Niisa roanjato).
[66]Ny soavalin'izy ireo dia: 736. Ny ampondran'izy ireo dia: 245. [67]Ny ramevan'izy ireo dia: 435. Ary ny borikin'izy ireo dia: 6. 720.
[68]Rehefa nandeha tany amin'ny tranon'i Yaveh tany Jerosalema izy ireo, dia nanolotra fanomezana an-tsitrapo ireo lehiben'ny patriarka mba hanorenana ilay trano. [69]Nanome araka ny fahafahany amin'ny petra-bolan'ny asa izy ireo: darika volamena arivo sy enina alina, mane volafotsy dimy arivo, ary akanjo fisoronana zato.
[70]Koa ireo mpisorona sy ireo Levita, ny vahoaka, ireo mpihiran'ny tempoly sy ireo mpiambina vavahady, ary ireo izay notendrena hanompo ny tempoly dia nonina tao amin'ireo tanànany. Ny olona rehetra tao Israely dia tao amin'ireo tanànany avokoa.

3 [1]Tamin'ny volana fahafito rehefa avy niverina tany an-tanànany avy ny vahoakan'Israely, no niangonan'izy ireo ho iray tany Jerosalema. [2]Niainga ka nanangana ny alitaran'ny Andriamanitr'Israely i Jesoa zanaka lahin'i Jozadaka sy ireo mpisorona rahalahiny, ary Zerobabela zanaka lahin'i Sealtiela, mbamin'ireo rahalahiny mba hanolotra fanatitra dorana araka ny voadidy ao amin'ny lalàn'i Mosesy, ilay lehilahin'Andriamanitra.
[3]Dia napetrak'izy ireo teo amin'ny fitoerany ilay alitara, fa nanenika azy ireo ny horohoro nohon'ny amin'ny olon'ilay tany. Nanolotra fanatitra dorana ho an'i Yaveh vao mangiran-dratsy sy tamin'ny hariva izy ireo. [4]Nitandrina ny Firavoravoan'ny Fialofana ihany koa izy ireo araka ny voasoratra ary nanolotra fanatitra dorana isan'andro isan'andro araka ny didy, araka ny andraikitra isan'andro avy. [5]Araka izany, dia nisy ny fanatitra dorana andavanandro sy isam-bolana ary fanatitra ho an'ireo firavoravoan'i Yaveh efa voatondro rehetra, mbamin'ireo fanati-tsitrapo rehetra.
[6]Nanomboka nanolotra fanatitra dorana ho an'i Yaveh izy ireo ny andro voalohany tamin'ny volana fahafito, na dia mbola tsy voaisy fototra aza ny tempoly. Koa dia nomen'izy ireo volafotsy avy ireo mpanao vato sy ireo mpanao tao-zavatra, [7]ary nomen'izy ireo sakafo, zava-pisotro, sy menaka ny vahoakan'i Sidona sy Tyra, dia nitondra hazo sedera teny an-dranomasina avy any Libanona ka hatrany Jopa izy ireo, araka ny nanomezan'i Kyrosy, mpanjakan'i Persia alalana azy ireo.
[8]Ary tamin'ny volana faharoa tamin'ny taona faharoa taorian'ny nandehanan'izy ireo tao an-tranon'Andriamanitra tao Jerosalema, no nanomboka niasa i Zerobabela, i Jesoa zanaka lahin'i Jozadaka, ireo mpisorona sisa, ireo Levita, ary ireo izay tonga avy tany amin'ny fahababoana niverina tany Jerosalema. Nanendry ireo Levita roapolo taona no ho miakatra izy ireo mba hanara-maso ny asan'ny tranon'i Yaveh. [9]Napetrak'i Jesoa mba hanara-maso ny olona manao ny asa fanorenana ny tranon'Andriamanitra ireo zanany lahy sy ireo rahalahiny, i Kadmiela sy ireo zanany, ary ireo taranak'i Joda. Niaraka tamin'izy ireo ihany koa ireo taranak'i Henadada, ny taranany, ary ireo Levita namany.
[10]Nametraka fototra ho an'ny Tempolin'i Yaveh ireo mpanorina. Nahafahan'ireo mpisorona nitsangana nanao ireo akanjony miaraka amin'ny trompetra izany, ary nahafahan'ireo Levita, ireo zanaka lahin'i Asafa, nidera an'i Yaveh tamin'ny kipantsona, araka ny nandidian'ny tanan'i Davida, mpanjakan'Israely. [11]Nihira fiderana sy fisaorana ho an'i Yaveh izy ireo hoe: "Tsara Izy! Maharitra mandrakizay ny fanekeny mahatoky amin'Israely." Nihorakoraka mafy tamin'ny hiakam-pifaliana ho fiderana an'i Yaveh ny vahoaka rehetra fa voapetraka ny fototra iorenan'ny tempoly.
[12]Saingy maro tamin'ireo mpisorona, Levita, lohan'ny patriarka, ary ireo zokiolona izay nahita ny trano voalohany no nitomany mafy, rehefa voapetraka teo anoloan'ny mason'izy ireo izany fototra iorenan'izany trano izany. Fa maro no nihiaka fifaliana tam-piravoravoana ary tamin'ny feo mangitakitaka. [13]Vokatr'izany, tsy afaka nanavaka ny feo falifaly sy ravoravo tamin'ireo feon'olona nitomany ny vahoaka, satria nihiaka mafy tamin'ny fifaliana lehibe ny olona, ary re avy lavitra tokoa ilay feo.

4 [1]Ary ireo sasany tamin'ny fahavalon'i Joda sy Benjamina dia nandre fa ny vahoaka izay natao sesitany dia manorina tempoly ho an'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely ankehitriny. [2]Koa nanatona an'i Zerobabela sy ireo lohan'ny fokon'ny razambe izy ireo. Hoy izy ireo tamin'izy ireo hoe: "Avelao izahay hanorina hiaraka aminareo, fa satria, mitady ny Andriamanitrareo, tahaka anareo izahay, ary nanao sorona ho Azy hatramin'ny andro nitondran'i Esara-hadona, mpanjakan'i Asyria, anay teto amin'ity toerana ity."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Fa i Zerobabela, Jesoa, ary ireo lohan'ny fokon'ny razamben'izy ireo nanao hoe: "Tsy ianareo, fa izahay no tsy maintsy manorina ny tranon'ny Andriamanitray, satria izahay no hanorina ho an'i Yaveh, Andriamanitr'Israely, araka izay nandidian'i Kyrosy mpanjakan'i Persia."
[4]Koa nataon'ireo vahoakan'ny tany nalemy ny tanan'ireo Jodiana; nataon'izy ireo natahotra ny hanorina ireo Jodiana.
[5]Nolangolangoin'izy ireo ihany koa ny mpanolotsaina mba hahafoana ny tetik'izy ireo. Nandritry ny andron'i Kyrosy rehetra sy tamin'ny fanjakan'i Dariosy mpanjakan'i Persia izy ireo no nanao izany. [6]Ary tamin'ny fiandohan'ny fanjakan'i Ahasoerosy dia nanoratra fiampangana an'ireo mponin'i Joda sy Jerosalema izy ireo.
[7]Nandritry ny andron'i Ahaseorosy no nanoratan' i Bislama, Mitredata, Tabela, ary ireo namany ho an'i Ahasoerosy. Nosoratana tamin'ny Aramaika ny taratasy ary nadika. [8]Rehoma mpifehy sy i Simsay mpanora-dalàna dia nanoratra momban'i Jerosalema ho an'i Artaksersesy.
[9]Avy eo i Rehoma, Simsay, ary ireo naman'izy ireo, izay mpitsara sy manam-boninahitra hafa tao amin'ny governemanta, avy any Ereka, Babylona, ary Sosa avy any Elama dia nanoratra taratasy— [10]mbamin'ireo vahoaka izay noteren'i Asnapara lehibe sy manan-kaja hanorim-ponenana tany Samaria, niaraka tamin'ireo sisa izay tany amin'ny Faritany Andafin'ny Ony.
[11]Ity dia dika mitovy amin'ilay lahatsoratra nalefa tany amin'i Artaksersesy: "Ireo mpanomponao, olona avy amin'ny Faritany Andafin'ny Ony, no manoratra izao: [12]Aoka ny mpanjaka hahafantatra fa ireo Jiosy izay avy tany aminao dia tonga hanohitra anay aty Jerosalema mba hanorina tanàna mpikomy. Izy ireo dia nanampina ny manda ary nanamboatra ny fototra.
[13]Ary aoka ny mpanjaka hahafantatra fa raha voaorina izany tanàna izany ary voatampina ny manda, dia tsy hanome haba sy hetra izy ireo, fa hanisy ratsy ireo mpanjaka.
[14]Tena izany tokoa satria nihinana tamin'ny siran'ny lapa izahay, ka tsy mety aminay ny hahita ny fahafaham-baraka hiseho amin'ny mpanjaka. Noho izany no hampahafantaranay ny mpanjaka [15]mba hitady ny firaketana an-tsoratry ny rainao ary hanamarina fa tanàna mpikomy izay hanisy ratsy ny mpanjaka sy ireo faritany io. Nahatonga olana maro ho an'i mpanjaka sy ireo faritany izany. Foiben'ny fikomiana hatry ny ela izy io. Noho izany antony izany no naharava ilay tanàna. [16]Mampahafantatra ny mpanjaka izahay fa raha voaorina io tanàna sy manda io, dia tsy hisy na inona na inona ho tavela ho anao ao amin'ny Faritany Andafin'ny Ony.
[17]Koa nandefa valinteny tany amin'i Rehoma sy Simsay ary ireo namany tao Samaria sy ireo ambiny izay tao amin'ny Faritany Andafin'ny Ony ny mpanjaka hoe: "Fiadanana anie ho anareo. [18]Ny taratasy izay nalefanareo ho ahy dia efa voadika ary novakiana tamiko. [19]Ka nampanao fanadihadiana aho ary nahafantatra fa tamin'ny andro taloha dia efa nikomy nanohitra ireo mpanjaka izy ireo.
[20]Ireo mpanjaka mahery dia nanapaka teo amin'i Jerosalema ary nanana fahefana tamin'ny zavatra rehetra tao amin'ny Faritany Andafin'ny Ony. Naloa tamin'izy ireo ny haba sy ireo hetra. [21]Ankehitriny, manaova lalàna ho an'ireo lehilahy ireo mba hanajanona sy tsy hanorina io tanàna io izy ireo mandra-panaovako lalàna. [22]Mitandrema mba tsy hanao tsirambina izany. Nahoana izany fandrahonana izany no avela hitombo ka ho fatiantoka fahaverezana maro ho an'ny tombontsoan'ny fanjakana?
[23]Rehefa novakiana teo anatrehan'i Rehoma, Simsay, ary ireo namany, ny lalàn'i Artarkersesy Mpanjaka, dia nivoaka an'i Jerosalema haingana izy ireo ary nanery ireo Jiosy mba hanajanona ny fanorenana. [24]Koa nijanona ny asa fanaovana ny tranon'Andriamanitra tao Jerosalema mandra-pahatongan'ny taona faharoan'ny fanjakan'i Dariosy mpanjakan'i Persia.

5 [1]Ary Hagay mpaminany sy Zakaria zanaka lahin'Ido mpaminany dia naminany tamin'ny anaran'ny Andriamanitr'Israely tamin'ireo Jiosy tao Joda sy Jerosalema. [2]Nitsangana Zerobabela zanaka lahin'i Sealtiela sy Jesoa zanaka lahin'i Jozadaka ary nanomboka nanamboatra ny tranon'Andriamanitra tao Jerosalema niaraka tamin'ireo mpaminany izay nampahery azy ireo.
[3]Avy eo i Tatenay governoran'ny Faritany tany Andafin'ny Ony, Setara Bozenay, ary ireo mpiara-dia aminy dia tonga ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Iza no nandidy anareo hanamboatra io trano io sy hamita ireo manda ireo?" [4]Hoy ihany koa izy ireo hoe: "Iza avy no anaran'ireo lehilahy nanamboatra io trano io? [5]Fa ny mason'Andriamanitra dia teo amin'ireo loholona Jiosy ary tsy nanakana azy ireo ny fahavalon'izy ireo. Niandry taratasy ho lasa any amin'ny mpanjaka sy lalàna hiverina amin'izy ireo mahakasika izany izy ireo.
[6]Ity no dika mitovin'ilay taratasin'i Tatenay, governoran'ny Faritany tany Andafin'ny Ony, sy Setara Bozenay ary ireo mpiara-miasa taminy tany amin'ny Faritany tany Andafin'ny Ony, izay nalefan'izy ireo ho an'i Dariosy mpanjaka.
[7]Nandefa tatitra izy ireo, nanoratra izao ho an'i Dariosy mpanjaka hoe: "Ho anao anie ny fiadanana rehetra.
[8]Aoka ho fantatry ny mpanjaka fa izahay dia nankany Joda ho any amin'ny tranon'Andriamanitra lehibe. Izany dia haorina amin'ireo vato vaventy sy hazo matevina apetraka amin'ireo manda. Efa atao tsara mihitsy ny asa ary mandroso tsara eo am-pelatanan'izy ireo. [9]Nanontany ireo loholona izahay hoe: 'Iza no nanome anareo lalàna hanamboatra io trano io sy ireo manda ireo?' [10]Nanontany ny anaran'izy ireo ihany koa izahay mba hahafantaranao ny anaran'ny lehilahy tsirairay avy izay nitarika azy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Namaly izy ireo ary nanao hoe: 'Izahay dia mpanompon'ilay Iray izay Andriamanitry ny lanitra sy ny tany, ary izahay dia mamerina manangana ny trano izay namboarina taona maro tany aloha rehefa nanorina izany ny mpanjaka lehiben'Israely ary nahavita izany.
[12]Na izany aza, rehefa nampatezitra an'ilay Andriamanitry ny lanitra ny razambenay, dia natolony teo am-pelatanan'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona izy ireo, izay nandrava io trano io ary naka ny olona ho sesitany tany Babylona.
[13]Kanefa, tamin'ny taona voalohany naha-mpanjakan'i Babylona an'i Kyrosy, dia namoaka didy hanamboarana ny tranon'Andriamanitra indray i Kyrosy.
[14]Naverin'i Kyrosy mpanjaka ihany koa ireo zavatra volamena sy volafotsy tao an-tranon'Andriamanitra izay nentin'i Nebokadnezara avy tao amin'ny tempoly tao Jerosalema ho any amin'ny tempoly tao Babylona. Ireo dia naveriny tamin'i Sesbazara, izay nataony ho governora. [15]Hoy izy taminy hoe: "Raiso ireo zavatra ireo. Mandehana ary hapetraho ao amin'ny tempoly ao Jerosalema ireo. Aoka ny tranon'Andriamanitra ho hatsangana any."
[16]Ary tonga io Sesbazara io ka nametraka ny fototry ny tranon'Andriamanitra tao Jerosalema; ary namboarina izany, fa tsy mbola vita tanteraka.'
[17]Ary raha sitraky ny mpanjaka, dia aoka ho zahana ao amin'ny trano firaketana ao Babylona raha misy didy hanamboarana ilay tranon'Andriamanitra ao Jerosalema avy tamin'i Kyrosy mpanjaka ao. Dia aoka ny mpanjaka handefa ny fanapaha-keviny aminay.

6 [1]Ary nampanao fanadihadiana tao amin'ny trano firaketana tao Babylona i Dariosy Mpanjaka. [2]Tao amin'ny tanàna voaaron'i Akmeta ao Mediana no nahitana horonan-taratasy iray; izao no voarakitra tao:
[3]"Tamin'ny taona voalohany nanjakan'i Kyrosy Mpanjaka, dia namoaka didy momban'ny tranon'Andriamanitra tao Jerosalema i Kyrosy hoe: 'Aoka hatsangana indray ny trano mba ho toeran'ny sorona, aoka hapetraka ny fototra iorenany, aoka ho enimpolo hakiho ny haavony, ary enimpolo hakiho ny sakany, [4]miaraka amin'ny vato lehibe telo andalana sy hazo vaovao iray andalana, ary aoka ny vidiny haloa amin'ny tranon'ny mpanjaka. [5]Ary ento miverina ny fitaovana volamena sy volafotsy izay an'ny tranon'Andriamanitra, izay nentin'i Nebokadnezara avy tany amin'ny tempoly any Jerosalema nankany Babylona ary avereno ao amin'ny tempoly any Jerosalema. Ianao no hametraka ireo ao an-tranon'Andriamanitra.'
[6]Ary Tatenay, governoran'ny Faritra Andafin'ny Ony, Setara Bozenay, ary ireo mpiara-miasa izay any amin'ny Faritra Andafin'ny Ony, miataha lavitra! [7]Avelao ny asa amin'ity trano ity ho an'Andriamanitra irery ihany. Ny governora sy ireo loholona Jiosy no hanangana ity tranon'Andriamanitra ity amin'izany toerana izany.
[8]Mandidy ny tsy maintsy hanaovanareo izao ho an'ireo loholona Jiosy izay manangana izao tranon'Andriamanitra izao aho: Ny vola avy amin'ny hetran'ny mpanjaka avy any andafin'ny Ony no hampiasaina hanakaramana ireo lehilahy ireo mba tsy hanajanonan'izy ireo ny asany. [9]Na inona na inona ilaina— zanak'omby, ondry lahy, na zanak'ondry ho an'ny fanatitra dorana ho an'ny Andriamanitry ny Lanitra, vary, sira, divay, na diloilo araka ny didin'ireo mpisorona ao Jerosalema— dia omeo azy ireo isan'andro tsy tapaka ireo zavatra ireo. [10]Ataovy izany mba hitondran'izy ireo ny fanatitra ho an'ny Andriamanitry ny Lanitra ka hivavaka ho ahy, mpanjaka, sy ireo zanako.
[11]Ary mandidy aho fa na iza na iza mandika io lalàna io, dia tsy maintsy hanesorana andry iray eo amin'ny tranony ary tsy maintsy hahantona amin'izany izy. Ary tsy maintsy ho lasa fako mivangongo noho izany ny tranony. [12]Ary Andriamanitra izay nahatonga ny anarany hitoetra teo anie handringana izay mpanjaka na olona izay manandra-tanana hanova izany lalàna izany, na hanimba izany tranon'Andriamanitra ao Jerosalema izany. Izaho, Dariosy, no mandidy izany. Aoka hatao am-pahazotoana izany!"
[13]Ary nohon'ny lalàna nalefan'i Dariosy mpanjaka, i Tatenay, ilay governoran'ny Faritra Andafin'ny Ony, sy Setara Bozenay sy ireo mpiara-miasa aminy, dia nanao izay rehetra nandidian'i Dariosy Mpanjaka. [14]Ka dia nanangana araka izay natoron'i Hagay sy Zakaria tamin'ny faminaniana ireo loholona Jiosy. Natsangan'izy ireo araka ny didin'ny Andriamanitr'Israely sy Kyrosy, Dariosy, ary Artaksersesy, mpanjakan'i Persia izany. [15]Dia vita ny trano tamin'ny andro fahatelon'ny volana Adara, tamin'ny taona fahenina nanjakan'i Dariosy Mpanjaka.
[16]Nankalaza ny fanokanana izany tranon'Andriamanitra izany tamin'ny fifaliana ny vahoaka Israelita, ireo mpisorona, ireo Levita, ary ireo sisa tamin'ireo babo. [17]Nanolotra omby zato, ondry lahy zato, ary zanak'ondry efajato ho an'ny fanokanana ny tranon'Andriamanitra izy ireo. Osy lahy roa ambin'ny folo ihany koa no natolotra ho fanatitra nohon'ny ota ho an'Israely rehetra, iray isaky ny foko tany Israely. [18]Nanendry ireo mpisorona sy Levita tamin'ny fizaràn'asa ho an'ny fanompoana an'Andriamanitra ao Jerosalema ihany koa izy ireo, araka ny voasoratra tao amin'ny Bokin'i Mosesy.
[19]Ary ireo izay avy tany an-tsesitany dia nankalaza ny Paska tamin'ny andro fahefatra ambin'ny folon'ny volana voalohany. [20]Ireo mpisorona sy ny Levita rehetra dia nanadio ny tenany ary namono ny soron'ny Paska ho an'ireo izay avy tany an-tsesitany rehetra, anisan'izany izy ireo.
[21]Ny vahoaka Israelita izay nihinana tamin'ny henan'ny Paska dia ireo izay niverina avy tany an-tsesitany sy nanasaraka ny tenany tamin'ny fahalotoan'ny vahoakan'ny tany ary nitady an'i Yaveh, Andriamanitr'Israely. [22]Nankalaza tamin'ny fifaliana ny Firavoravoan'ny Mofo tsy misy masirasira nandritry ny fito andro izy ireo, satria i Yaveh dia efa nitondra fifaliana tamin'izy ireo ary nanova ny fon'ny mpanjakan'i Asyria mba hampatanjaka ny tanan'izy ireo tamin'ny asan'ny tranony, dia ilay tranon'ny Andriamanitr'Israely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

7 [1]Ary taorian'izany, nandritry ny nanjakan'i Artaksersesy mpanjakan'i Persia, dia niakatra avy tany Babylona i Ezra.
Ireo razamben'i Ezra dia i Seraia, Azaria, Hilklay, [2]Saloma, Zadoka, Ahitoba [3]Amaria, Azaria, Meraiota, [4]Zerahia, Ozy, Boky, [5]Abisoa, Finehasa, Eleazara, izay zanaka lahin'i Arona mpisoronabe.
[6]Niakatra avy tany Babylona i Ezra ary izy dia mpanora-dalàna mahay tsara ny lalàn'i Mosesy, izay efa nomen'i Yaveh, Andriamanitr'Israely. Nomen'ny mpanjaka azy izay rehetra nangatahany satria nomban'ny tanan'i Yaveh izy. [7]Ny sasany tamin'ireo taranak'Israely sy ireo mpisorona, Levita, mpihiran'ny tempoly, mpiambina vavahady, ary ireo izay notendrena hanompo tao an-tempoly dia niakatra tany Jerosalema ihany koa tamin'ny taona fahafito ambin'ny folo nanjakan'i Artaksersesy Mpanjaka.
[8]Dia tonga tany Jerosalema tamin'ny volana fahadimy tamin'io taona io ihany izy. [9]Niala tao Babylona tamin'ny andro voalohan'ny volana voalohany izy. Tamin'ny andro voalohan'ny volana fahadimy no nahatongavany tany Jerosalema, satria nomban'ny tanana tsaran'Andriamanitra izy. [10]I Ezra dia nametraka ny fony mba hianatra, hanatanteraka, ary hampianatra ireo fitsipika sy ireo didin'ny lalàn'i Yaveh.
[11]Izao no didy izay nomen'i Artaksersesy mpanjaka an'i Ezra mpisorona sy mpanora-dalàn'ny didy aman-dalàn'i Yaveh ho an'Israely: [12]"Artaksersesy Mpanjakan'ny mpanjaka, ho an'i Ezra mpisorona, mpanora-dalàn'ny lalàn'Andriamanitry ny lanitra. [13]Izaho dia mandidy fa ny olona rehetra avy any Israely ao amin'ny fanjakako miaraka amin'ireo mpisorona sy ireo Levitan'izy ireo izay maniry ny andeha ho any Jerosalema, dia afaka miaraka aminao.
[14]Izaho, mpanjaka, sy ireo mpanolotsaiko fito, dia maniraka anareo rehetra mba hanontany mahakasika an'i Joda sy Jerosalema araka ny lalàn'Andriamanitra, izay eo an-tananao. [15]Tsy maintsy entinareo ny volafotsy sy ny volamena izay efa natolotr'izy ireo an-kalalahana tamin'ny Andriamanitr'Israely, izay any Jerosalema ny fonenany. [16]Omeo an-kalalahana ny volafotsy sy ny volamena rehetra izay nomen'ny Babylona rehetra niaraka tamin'izay efa natolotry ny vahoaka sy ireo mpisorona an-kalalahana ho an'ny tranon'Andriamanitra any Jerosalema.
[17]Koa mividiana omby, ondry lahy sy zanak'ondry, ary fanatitra hohanina sy fanatitra sotroina maro be. Atolory eo amin'ny alitara izay ao amin'ny tranon'ny Andriamanitrao any Jerosalema ireo. [18]Ireo ambina volafotsy sy volamena dia anaovy izay hitanao fa tsara ho anao sy ireo rahalahinao, mba hampifaly ny Andriamanitrao.
[19]Apetraho eo anatrehany ho an'ny asa fanompoana ao amin'ny tranon'Andriamanitrao any Jerosalema ireo zavatra izay nomena anao an-kalalahana. [20]Izay zavatra hafa rehetra ilaina ho an'ny tranon'ny Andriamanitrao takianao, dia alaivo ao amin'ny fitehirizan-drakitro ny vidin'izany.
[21]Izaho, Artaksersesy Mpanjaka, dia manao didy ho an'ireo mpitahiry vola any amin'ny Faritany Andafin'ny Ony, fa ny zavatra rehetra izay angatahin'i Ezra aminao dia tokony homena manontolo, hatramin'ny talenta volafotsy zato, vary zato kora, divay zato bata, ary diloilo zato bata, [22]ary koa sira tsy misy fetrany. [23]Izay zavatra rehetra avy amin'ny didin'ny Andriamanitry ny Lanitra, dia ataovy miaraka amin'ny fanoloran-tena ho an'ny tranony izany. Fa nahoana ny fahatezerany no ho tonga eo amin'ny fanjakako sy ireo zanako lahy?
[24]Ampahafantarinay azy ireo ny mahakasika anao izay tsy hitaky haba na hetra amin'ireo mpisorona rehetra, ireo Levita, ireo mpitendry zava-maneno, ireo mpiambina vavahady, na eo amin'ny vahoaka notendrena ho amin'ny asan'ny tempoly ary ireo mpanompon'ny tranon'izany Andriamanitra izany.
[25]Ry Ezra, amin'ny fahendrena izay efa nomen'Andriamanitra anao, dia manendre mpitsara sy olona lalin-tsaina hanompo ireo vahoaka rehetra any amin'ny Faritany Andafin'ny Ony, ary hanompo ny olona izay mahafantatra ny lalàn'Andriamanitrao. Mampianara ireo izay tsy mahalala ny lalàna ihany koa. [26]Sazio ny olona izay tsy mankatoa tanteraka ny lalàn' Andriamanitra na ny lalàn'ny mpanjaka, na amin'ny alalan'ny fahafatesana, na fandroahana, fanagiazana ny fananan'izy ireo, na fanagadrana.
[27]Miderà an'i Yaveh, Andriamanitry ny razantsika, izay nametraka izany rehetra izany tao am-pon'ny mpanjaka mba hanomezam-boninahitra ny tranon'i Yaveh any Jerosalema, [28]ary izay namone ny fanekena mahatoky tamiko teo anatrehan'ny mpanjaka, ireo mpanolo-tsainy, ary ireo manam-pahefany mahery rehetra. Efa nampatanjahana tamin'ny alalan'ny tanan'i Yaveh Adriamanitro aho, ary nanangona mpitarika avy amin'Israely mba hiaraka amiko.

8 [1]Ireto avy ireo mpitarika ny fianakavian'ny razamben'izy ireo izay nandao an'i Babylona niaraka tamiko nandritry ny fanjakan'i Artaksersesy. [2]Amin'ny taranak'i Finehasa, dia i Gersona. Amin'ny taranak'i Itamara, dia i Daniela. Amin'ny taranak'i Davida, dia i Hatosy, [3]izay avy amin'ny taranak'i Sekania, izay avy amin'ny taranak'i Parosy; ary Zakaria, ary nisy lehilahy 150 voatanisa tao amin'ny rakitry ny tetiarany niaraka taminy.
[4]Amin'ny taranak'i Pahata-moaba, dia Elihoenay zanaka lahin'i Zerahia ary niaraka taminy dia nisy roanjato lahy.
[5]Amin'ny taranak'i Sekania, dia Beni-Jahaziela ary niaraka taminy nisy telonjato lahy. [6]Amin'ny taranak'i Adina, dia Ebeda zanaka lahin'i Jonatana ary niaraka taminy nisy dimampolo lahy voatanisa. [7]Amin'ny taranak'i Elama, dia Jesaia zanaka lahin'i Atalia ary niaraka taminy nisy fitopolo lahy voatanisa.
[8]Amin'ny taranak'i Sefatia, dia Zebadia zanaka lahin'i Mikaela ary niaraka taminy nisy valopolo lahy voatanisa. [9]Amin'ny taranak'i Joaba, dia Obadia zanaka lahin'i Jehiela ary niaraka taminy nisy 218 lahy voatanisa. [10]Amin'ny taranak'i Selomita zanak'i Josifia dia nisy 160 lahy voatanisa niaraka taminy. [11]Amin'ny taranak'i Bebay, dia Zakaria zanaka lahin'i Bebay ary nisy valo amby roapolo lahy voatanisa niaraka taminy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Amin'ny taranak'i Azgada, dia Johanana zanaka lahin'i Hakatana ary nisy 110 lahy voatanisa niaraka taminy. Ireo izay avy amin'ny taranak'i Adonikama no tonga taty aoriana. [13]Ireto avy ny anaran'izy ireo: Elifeleta, Jeiela, Semaia, ary niaraka tamin'izy ireo nisy enimpolo lahy. [14]Amin'ny taranak'i Bigvay, dia Otahy sy Zaboda ary nisy fitopolo lahy voatanisa niaraka taminy.
[15]Nangoniko ireo mpandeha tao amin'ny lakan-drano izay mankany Ahava, ary nitoby hateloana teo izahay. Nanadihady ny vahoaka sy ireo mpisorona aho, nefa tsy nahita taranak'i Levy tao mihitsy. [16]Dia nampiantso an'i Eliezera, Ariela, Semaia, Elnatana, Jariba, sy Elnatana sy Natana, Zakaria, ary Mesolama—izay mpitarika—ary an'i Joariba sy Elnatana—izay mpampianatra aho.
[17]Manaraka izany dia nirahiko ho any amin'Ido, mpitarika any Kasifia izy ireo. Nambarako azy ireo izay ho lazaina amin'Ido sy ireo havany, ireo mpanompon'ny tempoly mipetraka any Kasifia, dia ny, mba handefasana mpanompo ho an'ny tranon'Andriamanitra ho aty aminay.
[18]Dia nandefa lehilahy iray antsoina hoe Serebia, lehilahy malina taminay tamin'ny tanana tsaran'Andriamanitray izy ireo. Izy dia taranak'i Maly zanaka lahin'i Levy zanak'Israely. [19]Tonga niaraka tamin'ny zanaka lahy sy rahalahy valo ambin'ny folo izy. Tonga niaraka taminy i Hasabia. Nisy an'i Jesaia, iray amin'ireo zanaka lahin'i Merary, niaraka tamin'ireo rahalahiny sy ny zanaka lahin'izy ireo ihany koa izy ireo, roapolo lahy ny fitambarany. [20]Amin'ireo izay notendrena hanompo ao an-tempoly, izay nomen'i Davida sy ireo manam-boninahiny mba hanompo an'ireo Levita dia: 220, samy notendrena tamin'ny anarany avy.
[21]Dia nanambara fifadian-kanina tao amin'ny Lakan-drano Ahava aho mba hanetry ny tenanay eo anatrehan'Andriamanitra, mba hitady lala-mahitsy avy Aminy ho anay, ny zaza madinikay, ary ireo fanananay rehetra.
[22]Menatra ny hangataka tafika na mpitaingin-tsoavaly tamin'ny mpanjaka mba hiaro anay amin'ireo fahavalo teny an-dalàna aho, satria efa niteny tamin'ny mpanjaka izahay hoe: 'Ny tanan'Andriamanitray dia eo amin'ny rehetra izay mitady Azy amin'ny tsara, fa ny heriny sy ny hatezerany dia eo amin'ny rehetra izay manadino Azy.' [23]Koa nifady hanina sy nitady an'Andriamanitra momba izany izahay, ary niangavy taminy.
[24]Manaraka izany dia nifantina lehilahy roa ambin'ny folo tamin'ireo manam-boninahitry ny fisoronana aho: Serebia, Hasabia, ary folo tamin'ny rahalahin'izy ireo. [25]Nandanja volafotsy, volamena, ary zavatra sy fanatitra ho an'ny tranon'Andriamanitra izay natolotry ny mpanjaka, ireo mpanolo-tsainy sy manam-boninahiny, sy ireo izay natolotry ny Israely rehetra maimaim-poana ho azy ireo aho.
[26]Dia nandanja talenta volafotsy 650, talenta zavatra volafotsy zato, talenta volamena zato, [27]lovia volamena roapolo izay nisanda darika arivo, ary fanaka varahina roa nangirana tsara izay sarobidy toy ny volamena teo am-pelantanan'izy ireo aho.
[28]Dia hoy aho tamin'izy ireo hoe: "Natokana ho an'i Yaveh ianareo, ary ireto zavatra ireto ihany koa, sy ny volafotsy ary ny volamena dia fanati-tsitrapo ho an'i Yaveh, Andriamanitry ny razambenareo. [29]Ambeno ireo ary tandremo mandra-pandanjanareo izany eo anatrehan'ny manam-boninahitry ny fisoronana, Levita, ary ireo mpitarika ny fokon-drazan'Israely any Jerosalema ao amin'ireo efitry ny tranon' Andriamanitra." [30]Nanaiky ny volafotsy, volamena, sy ireo zavatra voalanja ireo mpisorona sy ireo Levita mba hitondrana izany any Jerosalema, ao an-tranon'ny Andriamanitray.
[31]Nivoaka avy tao amin'ny Lakan-dranon'i Ahava izahay tamin'ny andro faharoa ambin'ny folon'ny volana voalohany mba handeha ho any Jerosalema. Teo aminay ny tanan'ny Andriamanitray; niaro anay tamin'ny tanan'ny fahavalo sy ireo olona izay naniry ny hanafika anay tampoka teny an-dalana Izy. [32]Dia niditra tany Jerosalema izahay ary nitoetra tao nandritry ny hateloana.
[33]Ary tamin'ny andro fahefatra dia nolanjaina tao an-tranon'ny Andriamanitray teo an-tanan'i Meremota zanaka lahin'i Oria mpisorona ny volafotsy, volamena, sy ireo zavatra, ary niaraka taminy Eleazara zanaka lahin'i Finehasa, Jozabada zanaka lahin'i Jesoa, ary Noadia zanaka lahin'i Binoy ilay Levita. [34]Voafaritra ny isa sy ny lanjan'ny zavatra rehetra. Nosoratana avokoa ny lanja rehetra tamin'izany fotoana izany.
[35]Ireo olona izay niverina avy amin'ny fahababoana, ny olona voasesy tany, dia nanolotra fanatitra dorana ho an'ilay Andriamanitr'Israely: omby roa ambin'ny folo ho an'Israely rehetra, ondry lahy enina amby sivifolo, zanak'ondry fito amby fitopolo, ary osy lahy roa ambin'ny folo ho fanatitra nohon'ny fahotana. Fanatitra dorana ho an'i Yaveh ireo rehetra ireo. [36]Dia nomen'izy ireo ho an'ireo manam-boninahitry ny mpanjaka ambony sy ireo governora tany amin'ny Faritra Andafin'ny Ony ny lalàn'ny mpanjaka, ary nanampy ny vahoaka sy ny tranon'Andriamanitra izy ireo.

9 [1]Rehefa vita ireo zavatra ireo, dia nanatona ahy ireo manam-pahefana ary nanao hoe: "Ny vahoakan'Israely, ireo mpisorona, ary ireo Levita dia tsy nanasaraka ny tenan'izy ireo tamin'ireo olona avy any an-tany hafa sy ny fahavetavetany: dia ireo Kananita, Hitita, Perizita, Jebosita, Amonita, Moabita, Egyptiana ary Amorita. [2]Fa nalain'izy ireo ny sasany tamin'ireo zanany vavy sy zanany lahy, ary nafangaron'izy ireo tamin'ny vahiny ny vahoaka masina, ary ireo manam-pahefana sy ireo mpitarika no voalohany tamin'izany tsy fahatokiana izany."
[3]Rehefa nandre izany aho, dia nandrovitra ny fitafiako sy ny akanjo lavako ka nanongotra ny volon-dohako sy ny volom-bavako, ary nipetraka, torotoro. [4]Ireo rehetra izay nangorohoro tamin'ny tenin'ny Andriamanitr'Israely mahakasika izany tsy fahatokiana izany dia niangona teo amiko raha iny nipetraka am-pahamenarana hatramin'ny fanatitra hariva iny aho.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Fa tamin'ny fanatitra hariva dia niarina avy tamin'ny toeran'ny fahafaham-barakako tamin'ny fitafiako sy ny akanjo lavako rovitra aho, ka nandohalika ary namelatra ny tanako ho amin'i Yaveh Andriamanitro. [6]Hoy aho hoe:
"Andriamanitro o, menatra sy mangahiahy ny hanandratra ny tavako eo aminao aho, fa miakatra mihoatry ny lohanay ny helokay, ary ny fahamelohanay mihombo hatrany an-danitra.
[7]Nanomboka tamin'ny andron'ny razambenay mandrak'ankehitriny dia tao anaty fahamelohana lehibe izahay. Tao anatin'ny helokay izahay, ireo mpanjakanay, sy ireo mpisoronay no natolotra ho eo an-tanan'ireo mpanjakan'ity izao tontolo izao ity, ho eo amin'ny sabatra, ho eo amin'ny fahababoana, ho eo amin'ny babo sy ny tarehy mangahiahy, tahaka anay anio.
[8]Ankehitriny anefa tao anaty fotoana fohy, dia tonga taminay ny indrafo avy amin'i Yaveh Andriamanitray mba hamela sisa velona eo aminay ka hanome anay fifikirana eo amin'ny fitoerany masina. An'ny Andriamanitray ny manazava ny masonay sy manome fiatoana kely amin'ny fanandevozana anay. [9]Fa andevo izahay, nefa tsy nanadino anay ny Andriamanitray fa nanitatra ny fanekena mahatoky taminay. Nanao izany teo imason'ny mpanjakan'i Persia Izy mba hanome hery vao ho anay, mba hafahanay manorina ny tranon'ny Andriamanitray indray ka hanangana ny faharavany. Nanao izany Izy mba hanomezany manda fiarovana ho anay ao Joda sy Jerosalema.
[10]Fa ankehitriny kosa, ry Andriamanitray, inona no azonay ambara aorian'izao? Nanadino ireo didinao izahay, [11]dia ny didy izay nomenao ireo mpaminany mpanomponao, rehefa niteny Ianao hoe: "Ity tany izay hidiranareo ho fanananareo ity dia tany maloto. Voaloton'ny olon'ity tany ity tamin'ny fahavetavetan'izy ireo izany. Nofenoin'izy ireo ny fahalotoan'izy ireo hatrany amin'ny ilany iray ka hatrany amin'ny hafa izany. [12]Ankehitriny ary, aza omena ny zanak'izy ireo lahy ny zanakareo vavy; aza maka ny zanak'izy ireo vavy ho an'ny zanakareo lahy, ary aza mitady fihavanana sy fanampiana amin'izy ireo, mba hatanjaka ianareo ary hihinana ny tsara avy amin'ny tany, ka hahatonga ny zanakareo ho tompon'izany amin'ny fotoana rehetra."
[13]Kanefa taorian'ny zavatra rehetra izay nanjo anay nohon'ny asa ratsinay sy ny fahamelohanay lehibe—satria Ianao, Andriamanitray, dia nihazona izay mendrika ny helokay ka namela anay ho velona— [14]tokony handika ireo didinao indray ve izahay ka hifanambady amin'ireo vahoaka vetaveta ireo? Tsy ho tezitra ve Ianao ka handringana anay mba tsy hisy ho tavela, tsy hisy anankiray ho tafandositra?
[15]Ry Yaveh, Andriamanitr'Israely, marina Ianao, fa vitsy izahay no sisa velona amin'izao anio izao. Indro! Indreto izahay eto anatrehanao amin'ny fahamelohanay, fa tsy misy afaka hijoro eo anatrehanao nohon'ny amin'izany.

10 [1]Raha mbola nivavaka sy niaiky heloka i Ezra, dia nitomany izy ary niankohoka teo anoloan'ny tranon'Andriamanitra. Lehilahy Israelita, zaza aman-behivavy maro be no nitangorona teo aminy, fa nitomany mafy dia mafy ireo olona. [2]Hoy i Sekania zanaka lahin'i Jehiela taranak'i Elama tamin'i Ezra hoe: "Efa tsy nahatoky tamin'Andriamanintray izahay ary nanambady ireo vehivavy hafa firenena avy tamin'ny vahoakan'ireo tany hafa. Kanefa na dia eo aza izany, dia mbola misy fanantenana ho an'Israely.
[3]Koa aoka izahay hanao fifanekena amin'ny Andriamanintray mba handroaka ireo vehivavy rehetra sy ireo zanany araka ireo toromariky ny Tompo sy ny toromarik'ireo izay nihorohoro tamin'ireo didin'ny Andriamanintsika, ary aoka izany ho tanteraka araka ny lalàna. [4]Mitsangàna, fa izany zavatra izany dia ho tanterahinao, ary izahay dia miaraka aminao. Mahereza ary ataovy izany."
[5]Koa nitsangana i Ezra ary nasainy nampanantena ireo manam-boninahitry ny fisoronana, ireo Levita, ary ny Israely rehetra mba hanao toy izany. Koa dia nanao fianianana manetriketrika izy rehetra. [6]Avy eo nitsangana avy teo anoloan'ny tranon'Andriamanitra i Ezra ary nandeha tao amin'ny efitr'i Johanana zanaka lahin'i Eliasiba. Tsy mba nihinana mofo na nisotro rano izy, satria nisaona ny hakelin'ny finoan'ireo izay efa tao amin'ny fahababoana izy.
[7]Koa nandefa teny tany Joda sy Jerosalema ho an'ireo olona niverina avy tany an-tsesitany izy ireo mba hivory ao Jerosalema. [8]Izay rehetra tsy tonga tao anatin'ny telo andro araka ireo toromarika avy amin'ireo manam-pahefana sy loholona dia nesorina tamin'izy ireo ny fananan'izy ireo rehetra ary nalàna tsy ho ao amin'ny fikambanam-ben'ireo izay niverina avy any an-tsesitany.
[9]Koa nivory tao Jerosalema nandritry ny telo andro ny lehilahy avy any Joda sy Benjamina rehetra. Izany dia tamin'ny volana fahasivy ary tamin'ny andro faharoapolon'ny volana. Nijoro teo amin'ny kianja malalaka nanoloana ny tranon'Andriamanitra ny olona rehetra ary nangovitra noho ilay teny sy ny orana. [10]Nitsangana i Ezra mpisorona ary niteny hoe: "Efa namadika ianareo. Nanambady ireo vehivavy hafa firenena ianareo ary nampitombo ny helok'Israely.
[11]Fa ankehitriny dia miderà an'i Yaveh, Andriamanitr'ireo razambenareo, ary ataovy ny sitrapony. Misaraha amin'ny olona tompon-tany sy amin'ireo vehivavy hafa firenena."
[12]Namaly tamin'ny feo avo ny fivondronana rehetra hoe: "Hanao araka izay nolazainao izahay. [13]Na izany aza, maro ireo olona, ary vanim-potoanan'ny orana izao. Tsy manana hery hijoro ety ivelany izahay, ary izany dia tsy asa iray na roa andro fotsiny, satria efa nanao heloka lehibe tamin'izany raharaha izany izahay.
[14]Koa aoka ny mpanapakay hisolo-tena ny fiangonana rehetra. Aoka izay namela ireo vehivavy avy amin'ny firenena hafa hipetraka amin'ny tanànantsika ho tonga amin'ny fotoana izay ho tondroina miaraka amin'ireo loholon'ny tanàna sy ireo mpitsara ao amin'ny tanàna mandra-pialan'ny firehetan'ny hatezeran'ny Andriamanitsika amintsika." [15]Nanohitra izany i Jonatana zanaka lahin'i Asahela sy Jahaza zanaka lahin'i Tikva, ary nanohana azy ireo i Mesolama sy Sabetahy Levita.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Koa nanao izany ireo olona niverina avy tany an-tsesitany. Ezra mpisorona dia nifidy ireo lehilahy, ireo mpitarika tao amin'ireo foko sy fianakavian'ireo razamben'izy ireo—tamin'ny anaran'izy rehetra, ary nandinika ny raharaha tamin'ny andro voalohany tamin'ny fahafolon'ny volana izy ireo. [17]Tamin'ny andro voalohany tamin'ny volana voalohany dia nahavita namantatra izay lehilahy niara-nipetraka tamin'ny vehivavy hafa firenena izy ireo.
[18]Nisy tamin'ireo taranak'ireo mpisorona no nanambady vehivavy hafa firenena. Tamin'ny taranak'i Jesoa zanaka lahin'i Jozadaka sy ireo rahalahiny dia nisy an'i Mahaseia, Eliezera, Jariba, sy Gedalia. [19]Koa dia tapa-kevitra ny handroaka ireo vadiny izy ireo. Satria meloka izy ireo, dia nanolotra ondry lahy tamin'ireo ondriny izy ireo nohon'ny helok'izy ireo.
[20]Tamin'ireo taranak'Imera dia: i Hanany sy Zebadia. [21]Tamin'ireo taranak'i Harima: i Mahaseia, Elia, Semaia, Jehiela, ary Ozia. [22]Tamin'ireo taranak'i Pasora: i Elioenay, Mahaseia, Ismaela, Netanela, Jozabada, ary Elasa.
[23]Tamin'ireo Levita dia: i Jozabada, Simey, Kelaia—izay, Kelita, Petahia, Joda. [24]Tamin'ireo mpihira: i Eliasiba. Tamin'ireo mpiandry vavahady dia: i Saloma, Talema, ary Ory. [25]Tamin'ireo Israelita sisa—tamin'ireo taranak'i Parosa dia: i Ramia, Jizia, Malkia, Miamina, Eleazara, Malkia, ary Benaia. [1]
[26]Tamin'ireo taranak'i Elama dia: i Matania, Zakaria, Jehiela, Abdia, Jeremota, ary i Elia. [27]Tamin'ireo taranak'i Zato dia: i Elioenay, Eliasiba, Matania, Jeremota, Zabada, ary Aziza. [28]Tamin'ireo taranak'i Bebay dia: i Johanana, Hanania, Zabay, ary Atlay. [29]Tamin'ireo taranak'i Bany dia: i Mesolama, Maloka, Adaia, Jasoba, ary Seala Jeremota. [2]
[30]Tamin'ny taranak'i Pahata Moaba dia: i Adna, Kelala, Benaia, Mahaseia, Matania, Bezaiela, Binoy, ary Manase. [31]Tamin'ny taranak'i Harima dia: i Eliezera, Jisia, Malkia, Semaia, Simeona, [32]Benjamina, Maloka, ary Semaria.
[33]Tamin'ny taranak'i Hasoma dia: i Matenay, Matata, Zabada, Elifeleta, Jeremay, Manase, ary Simey. [34]Tamin'ny taranak'i Bany dia: i Maday, Amrama, Oela, [35]Benaia, Bedeia, Keloho, [36]Vania, Meremota, Eliasiba,
[37]Matania, Matenay, ary Jasao. [38]Tamin'ny taranak'i Binoy dia: i Simey, [3] [39]Selemia, Natana, Adaia, [40]Maknadebay, Sasay, Saray, [4]
[41]Azarela, Selemia, Semaria, [42]Saloma, Amaria, ary i Josefa. [43]Tamin'ny taranak'i Nebo dia: i Jeiela, Matitia, Zabada, Zebina, Ido, Joela, ary Benaia. [44]Ireo rehetra ireo dia nanambady vehivavy hafa firenena ary nanan-janaka tamin'ny sasany tamin'izy ireo. [5]

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony ho "Malkia" ilay niverina fanindroany, dia ny sasany amin'ireo dikan-teny vaovao manolo izany ho "Hasabia".
[2]Fanamarihana: Raha tokony ho "Bany, dia ny sasany amin'ireo dikan-teny vaovao manao azy ho "Bigvay."
[3]Fanamarihana: Raha tokony ho "Tamin'ny taranak'i Binoy: i Simey, dia ny sasany amin'ireo dikan-teny vavao manao hoe "Bany, Binoy, Simey"
[4]Fanamarihana: Raha tokony ho "Maknadebay, dia ny sasany amin'ireo dikan-teny vaovao manao hoe "Tamin'ny taranak'i Zakay".
[5]Fanamarihana: Raha tokony ho "nanan-janaka tamin'ny sasany tamin'izy ireo, dia ny sasany amin'ireo dikan-teny vaovao manao hoe: "saingy nandroaka azy ireo niaraka tamin'ny zanak'izy ireo."

Nehemia

1 [1]Ny tenin'i Nehemia zanak'i Hakalia: Ary tamin'ny volana Kisleo, tamin'ny taona faharoapolo, raha mbola tao amin'ny fiarovana mafin'i Sosa aho, [2]dia nisy iray tamin'ireo rahalahiko, i Hanany, no tonga niaraka tamina olona maromaro avy any Joda, ary nanontany azy ireo momba ireo Jiosy izay tafandositra, sy ireo Jiosy sisa tavela tany, ary momba an'i Jerosalema aho.
[3]Hoy izy ireo tamiko hoe: "Ireo izay tafavoaka velona tamin'ny fahababoana any amin'ny faritany dia anaty fangorohoroana sy fahafaham-baraka lehibe satria vaky nirodana ny mandan'i Jerosalema, ary voadoro tamin'ny afo ny vavahadiny."
[4]Vantany vao nandre ireo teny ireo aho, dia nipetraka ka nitomany, ary nalahelo sy nifady hanina ary nivavaka tamin'ny Andriamanitry ny lanitra hatrany aho nandritra ny andro maro. [5]Dia hoy aho hoe: "Ianao no Yaveh, Andrimanitry ny lanitra, ilay Andriamanitra lehibe sady mahagaga, izay mitàna ny fanekena sy mihazona ny fitiavana ho an'ireo izay tia Azy ary mitandrina ireo didiny.
[6]Henoy ny fivavahako ka sokafy ny masonao, mba handrenesanao ny vavaky ny mpanomponao izay hivavahako eo anatrehanao andro aman'alina ho an'ny vahoakan'Israely mpanomponao ankehitriny. Miaiky ny fahotan'ny vahoakan'Israely, izay nanotanay taminao aho. Izaho sy ny ankohonan-draiko dia samy nanota. [7]Nanao izay tena ratsy taminao izahay, ary tsy mba nitandrina ireo didy, ireo lalàna, ary ireo fitsipika izay nandidianao an'i Mosesy mpanomponao.
[8]Mba tsarovy re ny teny izay nandidianao an'i Mosesy mpanomponao hoe: "Raha tsy mahatoky ianareo, dia ho aparitako eny amin'ireo firenena, [9]fa raha miverina amiko ianareo ary manaraka ny didiko ka manao izany, na dia niely tany ambanin'ny lanitra lavitra indrindra aza ny vahoakanao, dia hanangona azy ireo avy any Aho ka hitondra azy ireo any amin'ny toerana izay nofidiako hampitoerana ny anarako.'
[10]Ary mpanomponao sy olonao izy ireo, izay navotanao tamin'ny herinao lehibe sy ny tananao mahery. [11]Yaveh ô, mitalaho aminao aho, henoy re ny vavaky ny mpanomponao sy ny vavak'ireo mpanomponao izay manaja ny anaranao fatratra. Ary ambino ny mpanomponao anio, ary hiantrao eo imason'io lehilahy io izy." Fa nanompo ho mpitondra kapoaka teo amin'ny mpanjaka aho.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

2 [1]Tamin'ny volan'i Nisana, tamin'ny faharoapolo taona nanjakan'i Artaksersesy mpanjaka, dia nisafidy divay izy, ary naka ilay divay ka nanome izany ho an'ny mpanjaka. Ary tsy mbola nalahelo teo amin'ny fanatrehany mihitsy aho. [2]Fa hoy ny mpanjaka tamiko hoe: "Nahoana ny endrikao no malahelo be? Toa tsy hita marary nefa ianao. Mety alahelo ao am-po izany." Dia lasa natahotra mafy aho.
[3]Hoy aho tamin'ny mpanjaka hoe: "Ho velona mandrakizay anie ny mpanjaka! Nahoana ny endriko no tsy tokony halahelo? Ny tanàna, ny toeran'ny fasan-drazako, dia rava, ary ireo varavarany dia potiky ny afo."
[4]Dia hoy ny mpanjaka tamiko hoe: "Inona no tianao hataoko?" Koa nivavaka tamin'ny Andriamanitry ny lanitra aho.
[5]Namaly ny mpanjaka aho hoe: "Raha tsara amin'ny mpanjaka izany, ary raha nanao ny tsara teo imasonao ny mpanomponao, dia afaka hirahinao ho any Joda aho, any amin'ilay tanànan'ireo fasan-drazako, mba hahafahako mamerina manangana izany." [6]Dia namaly ahy ny mpanjaka (ary nipetraka teo anilany ihany koa ny mpanjaka vavy) hoe: "Hafiriana no andehananao ary rahoviana ianao no hiverina?" Sitraky ny mpanjaka ny nandefa ahy rehefa nanome ireo datin'andro taminy aho.
[7]Avy eo dia hoy aho tamin'ny mpanjaka hoe: "Raha sitraky ny mpanjaka, dia aoka hisy taratasy homena ahy ho an'ireo governora any amin'ny Faritany Andafin'ny Ony mba hanomezan'izy ireo ahy alalana handeha amin'ny fari-tanin'izy ireo amin'ny lalako mankany Joda. [8]Aoka ihany koa hisy taratasy ho an'i Asafa mpiandry ny alan'ny mpanjaka, mba hanomezany ahy hazo hanaovana andry ho an'ireo vavahadin'ny fiarovana mafy akaikin'ny tempoly, sy ho an'ny mandan'ny tanàna, ary ho an'ny trano izay honenako." Koa satria tato amiko ny tanana tsaran'i Yaveh, dia nataon'ny mpanjaka ireo fangatahako.
[9]Dia tonga tany amin'ireo governora any amin'ny Faritany Andafin'ny Ony aho ary nanome ireo taratasin'ny mpanjaka azy ireo. Ary ny mpanjaka nandefa manam-boninahitry ny tafika sy mpitaingin-tsoavaly niaraka tamiko. [10]Rehefa ren'i Sanbala Horonita sy Tobia Amonita mpanompo izany, dia tezitra fatratra izy satria nisy olona tonga izay mitady hanampy ny vahoakan'Israely.
[11]Noho izany dia tonga tany Jerosalema aho ary tany nandritra ny telo andro. [12]Nifoha aho ny alina, izaho sy lehilahy vitsivitsy niaraka tamiko. Tsy nolazaiko tamin'iza na iza izay napetrak'Andriamanitra tao am-poko mba ho atao ho an'i Jerosalema. Tsy nisy biby niaraka tamiko, ankoatra ilay iray izay notaingenako.
[13]Nandeha nivoaka tamin'ny Vavahadin'ny Lohasaha aho ny alina, tandrifin'ny Loharanon'ny Amboahaolo sy ny Vavahadin-Jezika, ary nanara-maso an'ireo mandan'i Jerosalema, izay efa rava, ary ireo varavaran-kazo dia ravan'ny afo.
[14]Avy eo dia nankany amin'ny Vavahadin-Doharano sy ny Farihin'ny Mpanjaka aho. Tery loatra ho an'ilay biby izay notaingenako ny handeha amin'ilay toerana.
[15]Noho izany dia niakatra ny lohasahan-driaka aho ny alina ary nanara-maso ny manda, ary niverina sy niditra teo amin'ny Vavahadin'ny Lohasahan-driaka, ary niverina. [16]Tsy fantatr'ireo mpanapaka izay nalehako na izay nataoko, ary tsy mbola nampilaza ireo Jiosy aho, na ireo mpisorona, na ireo manan-kaja, na ireo mpanapaka, na ireo sisa izay nanao ny asa.
[17]Hoy aho tamin'izy ireo hoe: "Hitanareo ny loza izay mahazo antsika, ny hitoeran'i Jerosalema ao anaty faharavana sy ny vavahadiny izay ravan'ny afo. Andao, andeha isika hamerina hanangana ny mandan'i Jerosalema, mba tsy ho ao anatin'ny fahafaham-baraka intsony isika." [18]Nolazaiko azy ireo fa teo amiko ny tanana tsaran'Andriamanitra sy ny momba ny tenin'ny mpanjaka izay nolazaina tamiko. Hoy izy ireo hoe: "'Aoka isika hisandratra ka hanorina." Dia nohatanjahan'izy ireo ho an'ny asa tsara ny tanan'izy ireo.
[19]Fa rehefa ren'i Sanbala Horonita, sy Tobia Amonita mpanompo, ary Gesema Arabo ny momba izany, dia naneso sy nanala baraka anay izy ireo, ary hoy izy ireo hoe: "Inona ity ataonareo? Mikomy hanohitra ny mpanjaka ve ianareo?"
[20]Dia namaly azy ireo aho hoe: "Hanome fahombiazana anay ilay Andriamanitry ny lanitra. Mpanompony izahay ary hitsangana sy hanorina izahay. Kanefa ianareo tsy manana anjara, na rariny, ary fifandraisana amin'ny tantara ao Jerosalema."

3 [1]Ary nitsangana niaraka tamin'ireo mpisorona rahalahiny i Eliasiba mpisoronabe, dia nanamboatra ny Vavahadin'Ondry izy ireo. Natokan'izy ireo izany ary napetrany tamin'ny toerany ny varavarany. Natokan'izy ireo hatrany amin'ny Tilikambon'ny Zato lahy ka hatrany amin'ny Tilikambon'i Hananela izany. [2]Taoriany no niasa ny olon'i Jeriko, ary niasa taorian'izy ireo i Zakora zanaka lahin'i Imry.
[3]Namboarin'ireo zanaka lahin'i Hasena ny Vavahadin'ny Hazandrano. Nanao andry ho an'izany izy ireo, ary nametraka ny varavarany, ny hidiny, sy ny barany. [4]Ary Meremota no nanamboatra ny faritra nanaraka izany. Izy dia zanaka lahin'i Oria zanaka lahin'i Hakoza. Taorian'izy ireo no nanamboatra i Mesolama. Izy dia zanaka lahin'i Berekia zanaka lahin'i Mesezabela. Taorian'izy ireo no nanamboatra i Zadoka. Izy dia zanaka lahin'i Bana. [5]Taorian'izy ireo ny Tekoita no nanamboatra, fa tsy nanaiky hanao ny asa nampanaovin'ny mpanara-maso azy ny mpitarik'izy ireo.
[6]Joiada zanaka lahin'i Pasea sy Mesolama zanaka lahin'i Besodia no nanamboatra ny Vavahady Taloha. Nanao andry ho an'izany izy ireo, ary nametraka ny varavarany, ny hidiny, sy ny barany. [7]Taorian'izy ireo i Melatia Gibeonita sy Jadona Meronotita, izay olon'i Gibeona sy Mizpa no nanao fanamboarana teo amin'ilay faritra nipetrahan'ny governoran'ny Faritany Tandrifin'ny Ony.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Oziela zanaka lahin'i Haraia no teo akaikiny, iray amin'ireo mpanefy volamena, no nanamboatra, ary teo anilany i Hanania, izay mpanao ranomanitra. Naverin'izy ireo namboarina i Jerosalema hatrany amin'ny Rindrina Lehibe. [9]Teo akaikin'izy ireo i Refaia zanaka lahin'i Hora no nanamboatra. Izy no mpanapaka ny antsasaky ny distrikan'i Jerosalema.
[10]Taorian'izy ireo dia i Jedaia zanaka lahin'i Haromafa no nanamboatra ny teo akaikin'ny tranony. Taoriany dia Hatosy zanaka lahin'i Hasabnia no nanamboatra.
[11]Malkia zanaka lahin'i Harima sy Hasoba zanaka lahin'i Pahatamoaba dia nanamboatra faritra hafa manaraka ny Tilikambon'ny Fatana. [12]Taorian'izy ireo dia i Saloma zanaka lahin'i Halohesy, izay mpanapaka ny antsasaky ny distrikan'i Jerosalema, dia nanamboatra, niaraka tamin'ireo zanany vavy.
[13]Hanona sy ireo mponin'i Zanoa dia nanamboatra ny Vavahadin'ny Lohasaha. Naverin'izy ireo naorina izay ary napetrany ny varavarany, ny hidiny, sy ny barany. Nanamboatra mira arivo hakiho hatrany amin'ny Vavahadin-Jezika izy ireo.
[14]Malkia zanaka lahin'i Rekaba, mpanapaka ny distrikan'i Beti-Hakerema, no nanamboatra ny Vavahadin-Jezika. Izy no nanamboatra izany, ary nametraka ny varavarany, ny hidiny, sy ny barany. [15]Saloma zanaka lahin'i Kola-Hoze, mpanapaka ny distrikan'i Mizpa, no namerina nanamboatra ny Vavahadin'ny Loharano. Izy no nanamboatra izany, ary nandrakotra izany sy nametraka ny varavarany, ny hidiny, sy ny barany. Izy ihany koa no namerina nanamboatra ny mandan'ny Farihin'i Siloa izay teo akaikin'ny zaridainan'ny mpanjaka, hatrany amin'ny tohatra midina mankany amin'ny tanànan'i Davida.
[16]Nehemia zanaka lahin'i Azboka, mpanapaka ny antsasaky ny distrikan'i Beti-Zora, dia nanamboatra teo amin'ny toerana mandalo eo amin'ny fasan'i Davida, hatrany amin'ilay farihy nataon'olombelona, ka hatrany amin'ny tranon'ireo olona mahery. [17]Taoriany dia ny Levita no nanamboatra, ao anatin'izany i Rehoma zanaka lahin'i Bany, ary nanaraka azy, Hasabia, ilay mpanapaka ny antsasaky ny distrikan'i Keila, ho an'ny distrikany.
[18]Nanamboatra teo anilany ny mponin'izy ireo, tao anatin'izany i Bavay zanaka lahin'i Henadada, mpanapaka ny antsasaky ny distrikan'i Keila. [19]Taoriany, dia Ezera zanaka lahin'i Jesoa, mpanapaka tao Mizpa, no nanamboatra faritra hafa nanoloana ny fiakarana mankany amin'ny trano fitehirizana fitaovam-piadiana teo an-joron'ny manda.
[20]Teo anilany dia nanolo-tena nanamboatra faritra hafa i Baroka zanaka lahin'i Zabay, avy eo amin'ny zoron-drindrina hatrany amin'ny varavaran-tranon'i Eliasiba mpisoronabe. [21]Nanamboatra faritra hafa teo akaikiny i Meremota zanaka lahin'i Oria zanak'i Hakoza, avy eo amin'ny varavaran-tranon'i Eliasiba ka hatrany amin'ny faran'ny tranon'i Eliasiba.
[22]Taoriany dia ireo mpisorona, lehilahy avy amin'ny faritra manodidina an'i Jerosalema, no nanamboatra. [23]Taorian'izy ireo dia Benjamina sy Hasoba no nanamboatra nanandrify ny tranon'izy ireo manokana. [24]Taoriany i Binoy zanaka lahin'i Henadada dia nanamboatra faritra hafa, avy eo amin'ny tranon'i Azaria hatrany amin'ny zoron'ny manda.
[25]Palala zanaka lahin'i Ozay dia nanamboatra ny manoloana ny zoron'ny manda sy ny tilikambo izay mitohy miakatra avy eo amin'ny trano avon'ny mpanjaka eo amin'ny tokotanin'ny mpiambina. Pedaia zanaka lahin'i Parosy no nanamboatra teo anilany. [26]Ary ireo mpanompon'ny tempoly nipetraka tao Ofela dia nanamboatra hatreo amin'ny tandrifin'ny Vavahadin-dRano atsimon'ny tilikambo lehibe. [27]Nanaraka azy dia nanamboatra faritra hafa ny Tekoita izay tandrifin'ny tilikambo lehibe hatrany amin'ny mandan'i Ofela.
[28]Ireo mpisorona dia nanamboatra ny teo ambonin'ny Vavahadin-tsoavaly, izay tandrifin'ny tranon'ny tsirairay.
[29]Nanamboatra ny faritra hafa tandrifin'ny tranony teo anilan'izy ireo i Zadoka zanaka lahin'i Imera. Ary nanamboatra teo anilany i Semaia zanaka lahin'i Sekania, mpiandry ny vavahady atsinanana. [30]Nnanamboatra faritra hafa teo anilany i Hanania zanaka lahin'i Selemia, sy Hanona ilay zanaka lahy fahenin'i Zalafa. Nanaraka azy i Mesolama zanaka lahin'i Berekia izay nanamboatra ny tandrifin'ny efitranony.
[31]Teo anilany i Malkia, iray amin'ireo mpanefy volamena, izay nanamboatra ny tranon'ny mpanompo an-tempoly sy ireo mpivarotra izay tandrifin'ny Vavahady Fanendrena sy ny efitrano ambony teo an-jorony. [32]Ireo mpanefy volamena sy ireo mpivarotra dia nanamboatra ny teo anelanelan'ny efitrano ambony teo an-jorony sy ny Vavahadin'Ondry.

4 [1]Ary rehefa ren'i Sanbala fa nanangana ny manda izahay, dia nirehitra tao anatiny izany, ary nisafoaky ny hatezerana izy ka nanamavo ny Jiosy. [2]Hoy izy teo anatrehan'ireo rahalahiny sy ny tafik'i Samaria: "Fa inona ity ataon'ireo Jiosy kanosa ireo? Hamerina ny tanàna ho azy ireo angaha izy ireo? Hanolotra sorona angaha izy ireo? Ho vitain'izy ireo ao anatin'ny iray andro angaha ny asa? Hamelona ireo vato avy amin'ireo korontam-bato efa nodorana indray angaha izy ireo? [3]Tobia Amonita dia niaraka taminy, ary hoy izy hoe: "Raha mba nisy amboahaolo mantsy niakatra teo amin'izay atsangan'izy ireo, dia handrodana ny manda vaton'izy ireo izany!"
[4]Henoy, ry Andriamanitray, fa vaorabiraby izahay. Avereno amin'ny lohan'izy ireo ihany ny fitenenan-dratsin'izy ireo ary avelao izy ireo ho babo any amin'ny tany izay higadran'izy ireo. [5]Aza manarona ny helok'izy ireo ary aza mamafa ny fahotany tsy ho eo anatrehanao, fa nihantsy ny fahatezeran'ny mpanorina ny manda izy ireo. [6]Koa natsanganay ny manda ary nifandray teo amin'ny hatsasaky ny hahavony ny manda rehetra satria nanam-paniriana ny hiasa ireo olona.
[7]Fa nony ren'i Sanbala, Tobia, ireo Arabo, ireo Amonita, ary ireo Asdodita fa nandroso ny asa fanamboarana ny mandan'i Jerosalema, ary efa hikatona ireo toerana vaky teo amin'ny manda, dia nirehin-katezerana lehibe tao anatin'izy ireo.
[8]Niara-nikonokonona avokoa izy rehetra, ary tonga hiady tamin'i Jerosalema ka nahatonga savorovoro tao amin'izany. [9]Fa

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

nivavaka tamin'ny Andriamanitray izahay ary nametraka mpiambina hiaro amin'izy ireo andro aman'alina nohon'ny fampitahoran'izy ireo.
[10]Dia hoy ireo vahoakan'i Joda hoe: "Mihalefy ny herin'ireo izay milanja enta-mavesatra. Be loatra ireo korontam-bato, ary tsy afaka mamerina manangana ny manda izahay." [11]Hoy ireo fahavalonay hoe: "Tsy hahafantatra na hahita izy ireo ambara-pahatonganay eo amin'izy ireo ka hamono azy ireo, ary hampitsahatra ny asa."
[12]Tamin'izany fotoana izany dia tonga avy tany amin'ny lalana rehetra ireo Jiosy izay nonina teo akaikin'izy ireo ary niteny impolo taminay, nampitandrina anay ny amin'ny tetika izay ataon'izy ireo aminay. [13]Koa nametraka olona tany amin'ny faritra iva indrindra amin'ny manda teny amin'ny toerana miharihary aho. Nametraka ny fianakaviana tsirairay niaraka tamin'ny sabany, ny lefony, ary ny tsipìkany avy aho. [14]Dia nitazana aho, ary nitsangana, ka hoy aho tamin'ireo olona ambony, sy tamin'ireo mpanapaka, ary tamin'ny vahoaka sisa hoe: "Aza matahotra azy ireo. Tsarovy ny Tompo, izay lehibe sady mahagaga. Miadia ho an'ny fianakavianareo, ny zanakareo lahy sy ny zanakareo vavy, ny vadinareo, ary ny ankohonanareo."
[15]Ary rehefa ren'ireo fahavalonay fa hainay ny paik'adin'izy ireo, ary nasavorovoron'Andriamanitra ny paik'adiny, dia niverina teo amin'ny manda izahay rehetra, samy tamin'ny asany avy. [16]Koa nanomboka tamin'izany fotoana izany dia niasa ho an'ny fananganana ny manda fotsiny ny antsasak'ireo mpanompoko, ary ny antsasany nitazona lefona, ampinga, tsipìka, ary nanao akanjo fiarovana, raha nitsangana avy ao aorian'ireo vahoakan'i Joda rehetra kosa ireo mpitarika.
[17]Niambina ny fitoeran'izy ireo ihany koa ireo mpiasa izay nanangana ny manda sy nilanja ny enta-mavesatra. Niasa tamin'ny tanana iray avy ny olona rehetra, ary tamin'ny tanana ilany no nitànan'izy ireo ny fiadiany. [18]Ny mpanangana rehetra dia nanao ny sabany teo anilany ary toy izany no niasany. Ilay iray izay nampaneno ny trompetra dia nijanona teo akaikiko.
[19]Dia hoy aho tamin'ireo olona ambony sy ireo manam-boninahitra ary tamin'ireo vahoaka sisa hoe: "Goavana sady mihitatra ny asa, ary misaratsaraka isika eto ambonin'ny manda, mifanalavitra. [20]Aoka hiazakazaka ho eo amin'ny toerana andrenesanareo ny feon-trompetra ianareo ary hiangona eo. Hiady ho antsika ny Andriamanintsika."
[21]Koa nataonay ny asa. Ny antsasak'izy ireo nitazona lefona nanomboka vao mangiran-dratsy ka hatramin'ny fipoiran'ny kintana. [22]Hoy ihany koa aho tamin'ireo olona tamin'izany fotoana izany hoe: "Aoka ny olona rehetra sy ny mpanompony handany ny alina eo afovoan'i Jerosalema, mba ho mpiambina antsika mandritra ny alina izy ireo ary ho mpiasa amin'ny andro." [23]Koa na izaho, na ireo rahalahiko, na ireo mpanompoko, na ireo lehilahin'ny mpiambina izay nanaraka ahy, dia tsy mba nisy nisolo akanjo izahay, ary nitana fiadiana ny tsirairay taminay, na dia handeha haka rano aza.

5 [1]Ary ireo lehilahy sy ny vadin'izy ireo dia nanao fitarainana lehibe hanohitra ireo Jiosy namany. [2]Satria nisy sasany nanao hoe: "Maro izahay miaraka amin'ny zanaka lahinay sy zanaka vavinay. Koa aoka izahay hahazo vary mba hahafahanay mihinana sy mivelona." [3]Nisy sasany hafa koa nanao hoe: "Manao antoka ny sahanay, ny tanim-boalobokay, sy ny tranonay izahay, mba hahazoanay vary mandritra ny mosary."
[4]Nisy sasany ihany koa nanao hoe: "Efa nindrana vola handoavana ny hetran'ny mpanjaka tamin'ny sahanay sy ny tanim-boalobokay izahay. [5]Nefa ny nofonay sy ny ràna y dia mitovy tahaka ny an'ny rahalahinay ihany, ary ny zanakay dia mitovy amin'ny zanak'izy ireo. Voatery nivarotra ny zanaka lahinay sy zanaka vavinay ho andevo izahay. Ary ny sasany amin'ireo zanakay vavy dia efa nandevozina rahateo. Nefa tsy ao amin'ny herinay ny hanao izany satria efa olona hafa no tompon'ny ny sahanay sy ny tanim-boalobokay ankehitriny."
[6]Dia tezitra mafy aho raha nahare ny fitarainan'izy ireo sy ireo teny ireo. [7]Dia nieritreritra momba izany aho, ary nitondra fiampangana ho an'ireo manan-kaja sy ireo manam-boninahitra. Hoy aho tamin'izy ireo: "Samy sarotiny amin'ny rahalahiny tsirairay avy ianareo." Dia nanao fiangonam-be hanohitra azy ireo aho [8]ary niteny azy ireo hoe: "Izahay, araka izay tratranay, dia efa nanonitra tamin'ny fanandevozana ireo Jiosy rahalahinay izay namidy tamin'ny firenena, nefa ianareo aza nivarotra ny rahalahinareo sy ny anabavinareo mba hivarotana azy ireo aminay!" Dia nangina sy tsy nahita teny ho lazaina izy ireo.
[9]Dia niteny koa aho hoe: "Tsy tsara izao ataonareo izao. Moa tsy tokony handeha amin'ny fahatahorana an'Andriamanitsika ve ianareo mba hisorohana ny fitenenan-dratsin'ireo firenena izay fahavalontsika? [10]Izaho sy ny rahalahiko ary ny mpanompoko dia efa mampisambotra vola sy vary azy ireo. Nefa isika dia tokony hampitsahatra ny fanasiana zana-bola amin'ireny fampindram-bola ireny. [11]Avereno amin'izy ireo amin'ity andro anio ity ireo sahan'izy ireo, ireo tanim-boalobony, ireo saha hanirian'ny olivany, sy ireo tranony, ary ny isan-jaton'ny vola, ny vary, ny divay vaovao ary ny menaka izay nampisamborinareo tamin'izy ireo."
[12]Dia hoy izy ireo: "Ho averinay izay nalainay tamin'izy ireo, ary tsy hitaky na inona na inona amin'izy ireo izahay. Hanao araka izay lazainao izahay." Dia niantso ireo mpisorona aho, ka nampianiana azy ireo mba hanao araka izay efa nampanantenain'izy ireo. [13]Nanakopaka izay niforitra tamin'ny akanjoko aho ary niteny hoe: "Aoka anie hafahan'Andriamanitra amin'ny tranony sy ireo fananany ny olona rehetra izay tsy mitàna ny fampanantenany. Aoka anie hafahana sy foanana izy." Ary ny fiangonana rehetra niteny hoe: "Amena," sady nidera an'i Yaveh ary nanao araka izay efa nampanantenain'izy ireo ny vahoaka.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Koa tamin'ny fotoana izay nanendrena ahy ho governoran'izy ireo tany amin'ny tanin'i Joda, nanomboka tamin'ny taona faharoapolo ka hatramin'ny taona faharoa amby telopolo nanjakan'i Artaksersesy mpanjaka, roa ambin'ny folo taona izay, dia tsy mbola nihinana sakafo nomena ho an'ny governora na izaho na ireo rahalahiko. [15]Nefa ireo governora fahiny izay teo alohako dia nametraka enta-mavesatra tamin'ny vahoaka, ary nampandoa azy ireo sekely volafotsy efapolo ho an'ny sakafo sy divain'izy ireo isan'andro. Na ireo mpanompon'izy ireo aza nampahory ny vahoaka. Fa tsy nanao izany aho nohon'ny fahatahorako an'Andriamanitra.
[16]Nanohy ny asa teo amin'ny manda ihany koa aho, sady tsy nividy tany izahay, ary ny mpanompoko rehetra dia niangona teo hiasa. [17]Ary teo amin'ny latabatro no nisy ireo Jiosy sy ireo manam-pahefana, 150 lahy, ankoatra ireo izay nankany aminay avy tamin'ireo firenena izay manodidina anay.
[18]Ary izay nomanina isan'andro dia omby iray, sy ondry voafantina enina, ary vorona ihany koa, ary isaky ny folo andro dia divay maro isan-karazany mitafotafo, kanefa tamin'izany rehetra izany dia tsy mbola nangataka ny anjara sakafon'ny governora aho, satria izany fangatahana izany dia tena navesatra loatra teo amin'ny vahoaka. [19]Tsarovy aho, ry Andriamanitro, amin'ny tsara, noho izay rehetra nataoko ho an'ity vahoaka ity.

6 [1]Ary rehefa ren'i Sanbala, Tobia, ary Gasema Arabo sy ireo fahavalonay sisa fa efa nanamboatra ny manda indray aho ary tsy nisy faritra triatra nivoha intsony, na dia tsy mbola nanangana ireo varavarana teo am-bavahady aza aho, [2]dia hoy i Sanbala sy Gasema tamiko, nanao hoe: "Andao, andeha isika hihaona any amin'ny lemak'i Ono any ho any." Nefa nikendry ny hanisy ratsy ahy izy ireo.
[3]Naniraka mpitondra hafatra tany amin'izy ireo aho, nanao hoe: "Manao asa lehibe aho, ka tsy afaka midina. Nahoana no tokony hitsahatra ny asa raha hilaozako izany ka midina any aminao aho?" [4]Nandefa hafatra mitovy in'efatra tamiko izy ireo, ary novaliako mitovy isaky ny mandefa ireo.
[5]Naniraka ny mpanompony taty amiko tahaka izany fanindiminy i Sanbala, nitondra taratasy misokatra teny an-tanany.
[6]Voasoratra tao amin'izany hoe: "Voatatitra eo amin'ireo firenena izao, sady ambaran'i Gasema ihany koa, fa mitetika ny hikomy ianao sy ireo Jiosy, ka noho izany no anamboaranao ny manda indray. Araka ny lazain'ireto tatitra ireto, dia efa ho tonga mpanjakan'izy ireo ianao.
[7]Efa nanendry mpaminany ihany koa ianao mba hanao izao fanambarana momba anao izao any Jerosalema, manao hoe: 'Misy mpanjaka any Joda!' Mahazo matoky ianao fa ho ren'ny mpanjaka ireo tatitra ireo. Noho izany tongava, andeha isika hifampiresaka."
[8]Dia nandefa teny tany aminy aho manao hoe: "Tsy nisy zavatra tahaka izany nitranga araka ny lazainao, fa tao am-ponao ihany no namoronanao ireo." [9]Fa te-hampitahotra anay izy reo, nieritreritra hoe: "Hampiraviravy ny tanan'izy ireo amin'ny fanaovana asa izy ireo, ka tsy ho vita izany." Nefa ankehitriny, ry Andriamanitra, mba atanjaho re ireto tanako."
[10]Nankany an-tranon'i Semaia zanaka lahin'i Delaia zanaka lahin'i Mehetabela, izay tsy afa-nihetsika tao an-tranony aho. Hoy izy: "Andeha hihaona any an-tranon'Andriamanitra isika, ao anatin'ny tempoly, ary andeha hidiantsiaka ny varavaran'ny tempoly, satria tonga hamono anao izy ireo. Ho avy hamono anao izy ireo amin'ny alina." [11]Namaly aho hoe: "Lehilahy tahaka ahy ve no andeha handositra? Hiditra ao an-tempoly mba hahazoany manavotra ny ainy ve ny lehilahy tahaka ahy? Tsy hiditra aho!"
[12]Tonga saina aho fa tsy Andriamanitra no naniraka azy, fa naminany nanohitra ahy izy. [13]Nanakarama azy i Tobia sy Sanbala. Nanakarama azy izy ireo mba hampitahotra ahy, mba hanaovako izay lazainy ka hanota, mba hanomezan'izy ireo anarana ratsy ho ahy hanalan'izy ireo baraka ahy. [14]Tsarovy Tobia sy Sanbala, ry Andriamanitro ô, ary izay rehetra nataon'izy ireo. Tsarovy ihany koa Noadia mpaminany vavy sy ireo mpaminany sisa izay nanandrana ny hampitahotra ahy.
[15]Koa vita tamin'ny andro fahadimy amby roapolon'ny volana Elola ny manda, taorian'ny roa amby dimapolo andro.
[16]Rehefa ren'ireo fahavalonay rehetra izany, ireo firenena rehetra manodidina anay, dia natahotra izy ireo ary lavo mafy teo imason'izy ireo ihany. Fa fantatr'izy ireo fa vita tamin'ny fanampian'ny Andriamanitray ny asa.
[17]Tamin'izany fotoana izany dia nandefa taratasy maro tany amin'i Tobia ireo manan-kaja tao Joda, ary tonga tany amin'izy ireo koa ny taratasin'i Tobia. [18]Fa nisy maro tany Joda no voafatotry ny fianianana taminy, satria vinanto lahin'i Sekania zanaka lahin'i Ara izy. Ary Johanana zanany lahy efa nanambady ny zanaka vavin'i Mesolama zanaka lahin'i Berekia. [19]Niteny tamiko momba ireo asa soany ary nitatitra ireo teniko tany aminy ihany koa izy ireo. Nandefasana taratasy avy tamin'i Tobia aho mba hampitahorana ahy.

7 [1]Rehefa vita ny manda ary voapetrako tamin'ny toerany ireo varavarana, ary efa voatondro ireo mpiandry vavahady sy mpihira ary ireo Levita, [2]dia nomeko an'i Hanany rahalahiko ny fitantanana an'i Jerosalema, miaraka amin'i Hanania izay nanara-maso ny fiarovana mafy, satria lehilahy mahatoky sy matahotra an'Andriamanitra mihoatra noho ny maro izy.
[3]Hoy aho tamin'izy ireo hoe: "Aza sokafana ny vavahadin'i Jerosalema mandra-piakatry ny masoandro. Raha mbola miambina ireo mpiandry vavahady, dia afaka manidy ny varavarana sy manisy bara ianareo. Manendre mpiambina avy amin'ireo izay mipetraka any Jerosalema, ny sasany any amin'ny toeram-piambenan'izy ireo, ary ny sasany manoloana

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ireo tranony avy." [4]Ary ilay tanàna dia midadasika sy lehibe, kanefa vitsy ny olona ao amin'izany, ary tsy mbola nisy trano voatsangana.
[5]Andriamanitra dia nametraka tao am-poko ny hamoriana ireo manan-kaja, ireo manam-boninahitra, sy ireo vahoaka mba ho soratana anarana araka ny fianakavian'izy ireo. Hitako ilay bokin'ny tetiaran'ireo izay niverina voalohany ary hitako voasoratra tao ireto manaraka ireto.
[6]Ireto ny vahoakan'ny faritany izay nandeha niakatra avy tamin'ny fahababoan'ireo sesitany izay nobaboin'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona. Niverina tany Jerosalema sy Joda izy ireo, samy amin'ny tanànany avy. [7]Niaraka tamin'i Zerobabela, Jesoa, Nehemia, Azaria, Ramia, Nahanany, Mordekay, Bilsana, Mispereta, Bigvay, Nehoma, ary Bana izy ireo. Ny isan'ireo lehilahin'ny vahoakan'Israely dia ahitana ireto manaraka ireto.
[8]2. 172 ny taranak'i Parosy. [9]372 ireo taranak'i Sefatia. [10]652 ireo taranak'i Ara.
[11]2. 818 ireo taranak'i Pahatamoaba, avy amin'ny taranak'i Jesoa sy Joaba. [12]1. 254 ny taranak'i Elama. [13]845 ny taranak'i Zato. [14]760 ny taranak'i Zakay.
[15]648 ny taranak'i Binoy. [16]628 ny taranak'i Bebay. [17]2. 322 ny taranak'i Azgada. [18]667 ny taranak'i Adonikama.
[19]2. 067 ny taranak'i Bigvay. [20]655 ny taranak'i Adina. [21]98 ny taranak'i Atera, avy tamin'i Hezekia. [22]328 ny taranak'i Hasoma.
[23]324 ny taranak'i Bezay. [24]112 ny taranak'i Harifa. [25]95 ny taranak'i Gibeona. [26]188 ny olona avy any Betlehema sy Netofa.
[27]128 ny olona avy any Anatota. [28]42 ny olona avy any Bet-azmaveta. [29]743 ny olona avy any Kiriata-jearima, Kefira, ary Berota. [30]621 ny olon'i Rama sy Geba.
[31]122 ny olon'i Mikmasy. [32]123 ny olon'i Betela sy Ay. [33]52 ny olon'ilay Nebo hafa. [34]1. 254 ny olon'i Elama hafa.
[35]320 ny olon'i Harima. [36]345 ny olon'i Jeriko. [37]721 ny olon'i Loda, Hadida, ary Ono. [38]3. 930 ny olon'i Sena.
[39]973 ireo mpisorona: dia ny taranak'i Jedaia (avy amin'ny tranon'i Jesoa). [40]1. 052 ny taranak'Imera. [41]1. 247 ny taranak'i Pasora. [42]1. 017 ny taranak'i Harima.
[43]74 ireo Levita: dia ny taranak'i Jesoa, Kadmiela, Binoy, ary Hodavia. [1] [44]148 ireo mpihira: dia ny taranak'i Asafa. [45]138 ireo mpiandry vavahadin'ny taranak'i Saloma, taranak'i Atera, taranak'i Talmona, taranak'i Akoba, ny taranak'i Hatita, ny taranak'i Sobay.
[46]Ireo mpanompon'ny tempoly: dia ny taranak'i Ziha, ny taranak'i Hasofa, ny taranak'i Tabaota, [47]ny taranak'i Kerosa, ny taranak'i Sia, ny taranak'i Padona, [48]ny taranak'i Lebana, ny taranak'i Hagaba, ny taranak'i Salmay, [49]ny taranak'i Hanana, ny taranak'i Gidela, ny taranak'i Gahara.
[50]Ny taranak'i Reaia, ny taranak'i Rezina, ny taranak'i Nekoda, ny taranak'i Gazama, [51]ny taranak'i Oza, ny taranak'i Pasea, ny taranak'i Besay, [52]ny taranak'i Meonita, ny taranak'i Nefisita.
[53]Ny taranak'i Bakboka, ny taranak'i Hakafa, ny taranak'i Harora, [54]ny taranak'i Bazlita, ny taranak'i Mehida, ny taranak'i Harsa, [55]ny taranak'i Barkosa, ny taranak'i Sisera, ny taranak'i Tema, [56]ny taranak'i Nezia, ny taranak'i Hatifa.
[57]Ireo taranaky ny mpanompon'i Solomona: dia ny taranak'i Sotahy, ny taranak'i Sofereta, ny taranak'i Perida, [58]ny taranak'i Jala, ny taranak'i Darkona, ny taranak'i Gidela, [59]ny taranak'i Sefatia, ny taranak'i Hatila, ny taranak'i Pokereta-hazebaima, ny taranak'i Amona. [60]Ireo mpanompon'ny tempoly, sy ireo taranak'ireo mpanompon'i Solomona dia miisa 392.
[61]Ireto no olona nandeha niakatra avy any Tela-mela, Tela-harsa, Kerofa, Adona, ary Imera. Kanefa tsy afaka nanaporofo izy ireo fa izy ireo na ireo fianakavian'ny taranak'izy ireo dia taranaka avy amin'Israely: [62]dia ireo taranak'i Delaia, ny taranak'i Tobia, ary ny taranak'i Nekoda, izay 642. [63]Ireo izay avy amin'ireo mpisorona: dia ny taranak'i Hobaia, Hakoza, ary Barzilay (izay naka ny vadiny avy amin'ireo zanaka vavin'i Barzilay avy any Gileada ary nantsoina tamin'ny anaran'izy ireo).
[64]Ireo dia nitady ny firaketan'izy ireo an-tsoratra tamin'ireo nisoratra anarana tamin'ny tetiaran'izy ireo, saingy tsy hita ireo, ka dia voahilika tamin'ny fisoronana ho maloto izy ireo. [65]Avy eo ny governora niteny tamin'izy ireo fa tsy tokony homena alalana hihinana ny fizaran-tsakafon'ireo mpisorona avy amin'ny sorona izy ireo mandra-pitsanganan'ny mpisorona iray miaraka amin'ny Orima sy Tomima.
[66]42. 360 ny fitambaran'ny vondrona rehetra, [67]ankoatra ny lehilahy sy mpanompon'izy ireo ary ny mpanompo vavin'izy ireo, izay nisy 7. 337. Nanana mpihira lahy sy vavy 245 izy ireo.
[68]736 ny isan'ny soavalin'izy ireo, 245 ny ampondra, [69]435 ny rameva, ary 6. 720 ireo boriky.
[70]Ny sasany tamin'ireo lohan'ny fianakavian'ireo razambe dia nanome fanomezana ho an'ny asa. Nomen'ny governora darika volamena arivo, koveta 50, ary akanjo fisoronana 530 ho an'ny rakitra. [2] [71]Ny sasany amin'ny lohan'ireo fianakavian'ireo razambe dia nanome darika volamena roa alina sy mane volafotsy 2. 200 ho an'ny rakitra. [72]Ny sisa tamin'ireo vahoaka dia nanome darika volamena roa arivo, sy mane volafotsy roa alina, ary akanjo fisoronana fito amby enimpolo.
[73]Noho izany ireo mpisorona, ireo Levita, ireo mpiandry vavahady, ireo mpihira, ny sasany amin'ny vahoaka, ireo mpanompon'ny tempoly, ary ny Israely rehetra dia nipetraka tany amin'ny tanànan'izy ireo. Tamin'ny volana fahafito no nametrahana ny vahoakan'Israely tao amin'ny tanànan'izy ireo."

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony ho "avy amin'ny taranak'i Binoy sy Hodavia," ny dikan-teny sasany amin'izao fotoana dia manao hoe: ny taranak'i Hodavia.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[2]Fanamarihana: Ny lahatsoratra Hebreo dia ahitana ny hoe: "akanjo fisoronana mpisorona telopolo," saingy sarotra takarina izany. Ny ankamaroan'ireo dikan-teny amin'izao fotoana dia ahitana ny hoe: "akanjo fisoronana 530." Na izany aza, ny sasany dia manome soso-kevitra ny hamaky hoe: "akanjo fisoronana telopolo sy mane volafotsy dimanjato."

8 [1]Niangona toy ny olona iray teny ankalamanjana teo anoloan'ny Vavahadin-Drano ny vahoaka rehetra. Izy ireo dia nangataka an'i Ezra mpisorona mba hitondra ny bokin'ny lalàn'i Mosesy, izay nandidian'i Yaveh an'Israely. [2]Tamin'ny andro voalohan'ny volana fahafito, dia nitondra ny lalàna teo anoloan'ny fiangonana i Ezra mpisorona, na lahy na vavy, ary ireo rehetra izay afaka nihaino sy nahatakatra. [3]Niatrika ny kianja malalaka anoloan'ny Vavahadin-drano izy, ary namaky izany vao maraim-be hatramin'ny mitataovovona, nanoloana ireo lehilahy sy vehivavy, sy izay afaka mahatakatra, ary dia nihaino tsara ilay bokin'ny lalàna ireo olona rehetra.
[4]Avy eo Ezra mpanora-dalàna nijoro teo ambonin'ny lampihazo izay namboarin'ny olona ho amin'izany. Nijoro teo ankavanany i Matitia, Sema, Anaia, Oria, Hilkia, ary Mahasela; ary i Pedaia, Misaela, Malkia, Hasoma, Hasbadana, Zakaria, ary Mesolama dia nijoro teo amin'ny ilany ankavia. [5]Nosokafan'i Ezra teo imason'ny olona rehetra ny boky, satria nijoro ambony noho ireo olona izy, ary rehefa nosokafany izany dia nitsangana avokoa ny olona.
[6]Ezra dia nanome fisaorana an'i Yaveh, ilay Andriamanitra lehibe, ary ireo olona rehetra nanandratra ny tanany ary namaly hoe: "Amena! Amena!" Avy eo izy ireo nanondrika ny lohan'izy ireo ary nidera an'i Yaveh tamin'ny fametrahana ny tavan'izy ireo tamin'ny tany. [7]Jesoa, Bani, Serebia, Jamina, Akoba, Sabetahy, Hodia, Mahaseia, Kelita, Azaria, Jozabada, Hanana, Pelaia—ireo Levita—dia nanampy ireo olona mba hahatakatra ilay lalàna ihany koa, raha mbola nitoetra teny amin'ny toerany ireo olona. [1][8]Novakian'izy ireo tao amin'ny boky, ny Lalàn'Andriamanitra, nanazava izany tamin'ny fandikana sy fanomezana ny dikan'izany mba hahatakaran'ireo olona ny vakin-teny.
[9]Nehemia governora, sy i Ezra mpisorona sy mpanora-dalàna, ary ireo Levita no nandika tamin'ny olona ary niteny tamin'ny olona rehetra hoe: "Masina ity andro ity amin'i Yaveh Andriamanitrareo. Aza misaona na mitomany." Satria nitomany avokoa ny olona rehetra rehefa nandre ireo tenin'ny lalàna. [10]Avy eo Nehemia niteny tamin'izy ireo hoe: "Mandehana amin'ny lalanareo, mihinàna matavy ary misotroa zava-pisotro mamy, ary alefaso amin'izay tsy nahaomana na inona na inona ny sasany amin'izany, fa ity andro ity dia masina amin'ny Tompontsika. Aza malahelo, fa ny fifalian'i Yaveh no herinao."
[11]Koa dia nampanginin'ireo Levita ireo olona, nanao hoe: "Mangina! satria masina ity andro ity. Aza malahelo." [12]Ary nandeha tamin'ny lalany ny olona rehetra mba hihinana sy hisotro ary mba hizara sakafo sy hankalaza am-pifaliana lehibe satria takatr'izy ireo ny teny izay nampahafantarina azy ireo.
[13]Tamin'ny andro faharoa ireo mpitarika ny fianakavian'ireo razambe avy amin'ny olona rehetra, ireo mpisorona sy ireo Levita, dia tonga niaraka teo amin'i Ezra mpisorona mba handinika lalina ireo tenin'ireo lalàna. [14]Hitan'izy ireo voasoratra tao amin'ny lalàna ny fomba nandidian'i Yaveh tamin'ny alalan'i Mosesy fa ny vahoakan'Israely dia tokony hipetraka anaty lay mandritra ny firavoravoana amin'ny volana fahafito. [15]Izy ireo dia tokony hanao fanambarana eny amin'ny tanàna rehetra, sy ao Jerosalema, manao hoe: "Mandehana eny amin'ny tany havoana, ary mitondrà sampan'oliva sy hazon'olivadia, sy sampan-drotra, sampan-drofia sy sampan-kazo be, mba hanamboarana lay, araka ny voasoratra."
[16]Koa nivoaka ny olona ary nitondra ireo sampan-kazo niverina ary nanao lay ho azy ireo, isaky ny tafon'izy ireo avy, teny an-tokotanin'izy ireo, teny amin'ny tokotanin'ny tranon'Andriamanitra, teny amin'ny kianja malalaka anoloan'ny Vavahadin-drano, sy teny amin'ny kianja malalaka akaikin'ny Vavahadin'i Efraima. [17]Ny fiangonan'ireo rehetra izay niverina avy amin'ny fahababoana dia nanamboatra lay ary nipetraka tao anatin'ireo. Fa nanomboka tamin'ny andron'i Josoa zanaka lahin'i Nona hatramin'io andro io, dia tsy nankalaza izany firavoravoana izany ny vahoakan'Israely, koa dia lehibe tokoa ny hafalian'izy ireo.
[18]Isan'andro isan'andro ihany koa, nanomboka tamin'ny andro voalohany ka hatramin'ny farany, dia namaky ny bokin'ny lalàn'Andriamanitra i Ezra. Nitandrina ny firavoravoana nandritra ny fito andro izy ireo ary ny andro fahavalo no fivoriana manetriketrika, mba ho fankatoavana ny lalàna.

[1]Ny ankamaroan'ny dikan-teny amin'izao fotoana izao, anisan'izany ny ULB sy UDB, dia mandika toy izany mba hahafantarana fa Levita avokoa ireo olona voatonona ao amin'ity andininy ity. Na izany aza, ny dikan-teny sasany dia mandika toy izany mba hametrahana "ireo Levita" ao amin'ny lisitra araka ny niantsoana ny tsirairay voalohany.

9 [1]Ary tamin'ny andro fahefatra ambin'ny folon'io volana io ihany dia nivory sy nifady hanina ny vahoakan'Israely, ary nitafy akanjo fisaonana izy ireo, ary nanosotra vovoka ny lohany. [2]Nanasaraka ny tenany tamin'ireo vahiny rehetra ny taranak'i Israely. Nitsangana ary niaiky ny fahotan'izy ireo sy ireo ratsy nataon'ny razambeny izy ireo.
[3]Nitsangana teo amin'ny toerany izy ireo, ary tamin'ny ampahefatry ny andro dia namaky ny tao amin'ny bokin'ny lalàn'i Yaveh Andriamaniny izy ireo. Fa tamin'ny ampahefatry ny andro hafa dia niaiky ny helony sy niankohoka teo anatrehan'i Yaveh Andriamaniny izy ireo. [4]Ireo Levita, Jesoa, Bany, Kadmiela, Sebania, Bony, Serebia, Bany, ary Kenany, dia nijoro teo amin'ny tohatra ary niantso tamin'ny feo avo an'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo.
[5]Ary ireo Levita, Jesoa, sy Kadmiela, Bany, Hasbania, Serebia, Hodia, Sebania, ary Petahia, nanao hoe: "Mitsangàna ary miderà an'i Yaveh Andriamanitrareo mandrakizay doria." Hisaotra ny anaranao be voninahitra anie izy ireo, ary

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

asandratra ambonin'ny fisaorana sy fiderana rehetra anie izany. [6]Ianao no Yaveh. Ianao irery ihany. Ianao no nanao ny lanitra, ny lanitra avo indrindra, mbamin'ny miaramilany rehetra, sy ny tany sy izay rehetra eo aminy, ary ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy. Nanome aina azy rehetra Ianao, ary ny miaramilan'ny lanitra manompo Anao.
[7]Ianao no Yaveh, ilay Andriamanitra izay nifidy an'i Abrama, sy nitondra azy nivoaka an'i Oran'ny Kaldeana, ary nanome azy ny anarana Abrahama. [8]Ianao dia nahita fa nahatoky teo anatrehanao ny fony, ary Ianao nanao fanekena taminy mba hanome ny tanin'ireo Kananita, ireo Hetita, ireo Perizita, ireo Jebosita, ary ireo Girgasita ho an'ny taranany. Nitàna ny fampanantenanao Ianao satria Ianao dia marina.
[9]Nahita ny fahorian'ny razanay tany Egypta Ianao, ary nahare ny fitarainan'izy ireo teo amin'ny Ranomasina Mena.
[10]Nanome ireo famantarana sy fahagagana manohitra an'i Farao, sy ny mpanompony rehetra, ary ny olona rehetra tao amin'ny taniny Ianao, satria Ianao dia nahalala fa ireo Egyptiana dia nanao fihetsika an'avona tamin'izy ireo. Kanefa nanao anarana ho Anao Ianao izay mijoro mandrak'ankehitriny.
[11]Ary nanasaraka ny ranomasina teo anoloan'n'izy ireo Ianao, mba hahafahan'izy ireo mandeha afovoan'ny ranomasina amin'ny tany maina; ary nanipy ireo izay nanenjika azy ireo ho any amin'ny lalina, tahaka ny vato atsipy anaty rano lalina Ianao.
[12]Tamin'ny andrin-drahona no nitondranao azy ireo tamin'ny andro, ary andrin'afo kosa mandritra ny alina mba hitsilo ny lalana halehan'izy ireo. [13]Nidina tao an-tendrombohitra Sinay Ianao ary niresaka tamin'izy ireo avy tao amin'ny lanitra ary nanome azy ireo fitsipika mahitsy sy lalàna marina, baiko sy didy tsara.
[14]Nampafahantarinao azy ireo ny andro Sabata masinao, ary nanome azy ireo didy, sy fitsipika, ary lalàna tamin'ny alalan'i Mosesy mpanamponao Ianao. [15]Nanome mofo avy any an-danitra azy ireo Ianao nohon'ny hanohanany, ary rano avy tamin'ny vatolampy nohon'ny hetahetany, ary Ianao niteny azy ireo mba hiditra haka ny tany nianiananao mba homena azy ireo.
[16]Fa tsy nanaja anao izy ireo sy ny razanay, ary mafy loha, sady tsy nihaino ireo didinao izy ireo. [17]Nandà tsy hihaino izy ireo, ary tsy nisaina momba ireo fahagagana izay efa nataonao tamin'izy ireo, fa lasa mafy loha, ary tamin'ny fikomian'izy ireo dia nanondro mpitarika hiverina amin'ny fanandevozana izy ireo. Fa Ianao dia Andriamanitra izay feno famelan-keloka, be fahasoavana sy fangorahana, tsy mora tezitra, ary feno fitiavana tsy miova. Tsy nandao azy ireo Ianao.
[18]Na dia efa nanana ilay ombilahy kely an'idina aza izy ireo ary nanao hoe: 'Ity no Andriamanitrareo izay nitondra anareo niakatra niala tany Egypta,' ary efa nanao faniratsirana lehibe, Ianao, tamin'ny fangoraham-ponao [19]dia tsy nandao azy ireo tany an'efitra. Ny andrin-drahona mitarika azy ireo amin'ny lalana dia tsy mba nandao azy ireo nandritra ny andro, na ny andrin'afon'ny alina mba hanazava ny lalan-kalehan'izy ireo.
[20]Nomenao azy ireo ny Fanahinao tsara mba hampianatra azy ireo, ary tsy niaro ny mananao tsy ho eo amin'ny vavan'izy ireo Ianao, ary ny rano nomenao azy ireo nohon'ny hetahetany. [21]Nandritra ny efapolo taona no namatsianao azy ireo tany an'efitra, ary tsy ory na inona na inona izy ireo. Ny akanjon'izy ireo dia tsy tonta ary ny faladian'izy ireo dia tsy nivonto.
[22]Nanome fanjakana sy vahoaka ho azy ireo Ianao, tamin'ny fanendrena azy ireo isaky ny vazan-tany. Ary naka ny tanin'i Siona mpanjakan'i Hesbona sy ny tanin'i Oga mpanjakan'i Basana ho fananana izy ireo.
[23]Nataonao maro isa tahaka ny kintan'ny lanitra ny zanak'izy ireo, ary nentinao tany amin'ny tany izay nolazainao ny razambeny mba handehanana sy alaina ho fananana izy ireo. [24]Koa niditra ny vahoaka ary naka ny tany ho fananana ary Ianao nandresy ireo mponin'ny tany, dia ireo Kananita teo anatrehan'izy ireo. Nomenao ireo mba ho eo an-tanan'izy ireo, miaraka amin'ny mpanjakan'izy ireo sy ny vahoakan'ny tany, mba hahafahan'i Israely manao izay mahafinaritra azy eo amin'izy ire.
[25]Nambabo ireo tanàna mimanda sy ny tany mamokatra izy ireo, ary nambabo ireo trano feno zava-tsoa, famorian-drano efa voahady, ireo tanim-boaloboka sy tanin'oliva, ary hazo fihinam-boa maro. Ary nihinana sy afa-po sy niha-natavy ary nanao izay nahafaly azy izy ireo nohon'ny fahatsaranao lehibe.
[26]Ary lasa tsy mpankatò izy ireo ary nikomy hanohitra Anao. Natsipin'izy ireo tany an-damosiny ny lalànao. Namono ireo mpaminaninao izay nampitandrina azy mba hiverina aminao izy ireo, ary nanao faniratsirana lehibe izy ireo. [27]Koa natolotrao teny am-pelatanan'ny fahavalony, izay nampijaly azy izy ireo. Tamin'ny fotoana nijaliany, dia nitaraina taminao izy ireo, ary Ianao nandre azy ireo avy any an-danitra, ary nohon'ny famindram-ponao lehibe dia nandefa mpamonjy mba hanavotra azy ireo eo an-tanan'ireo fahavalony Ianao.
[28]Fa rehefa avy nitsahatra izy ireo, dia nanao ratsy teo anatrehanao indray, ary nandao azy ireo teo an-tanan'ny fahavalony Ianao, noho izany dia nifehy azy ireo ny fahavalony. Kanefa rehefa niverina sy nitaraina taminao izy ireo, dia nandre avy any an-danitra Ianao, [29]ary matetika Ianao no namonjy azy ireo nohon'ny famindram-ponao. Nampitandrina azy ireo ny amin'ny mba hiverenan'izy ireo amin'ny lalànao Ianao. Kanefa niavonavona sy tsy nihaino ny didinao izy ireo. Nanota nanohitra ny fitsipikao izay nanome aina ho an'izay nankatò azy izy ireo. Nanamafy ny hatony sy nampihemotra ny sorony ary nandà tsy hihaino izy ireo.
[30]Fa taona maro no nandeferanao sy nampitandremanao azy ireo tamin'ny alalan'ireo mpaminaninao. Kanefa tsy nihaino izy ireo. Koa dia natolotrao ho eo an-tanan'ireo mponina manodidina izy ireo. [31]Kanefa nohon'ny halehiben'ny famindram-ponao dia tsy nandringana azy tanteraka Ianao, na nahafoy azy ireo, satria Ianao dia Andriamanitra be fahasoavana sy be indrafo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[32]Ary noho izany, ry Andriamanitray—Ianao lehibe, mahery, ary mahatahotra izay nitandrina ny fanekenao sy ny fitiavanao tsy miovaova—aoka tsy ho kely Aminao izao zava-tsarotra rehetra izay nihatra taminay, tamin'ireo mpanjakanay, tamin'ireo andrian-dahinay, sy tamin'ireo mpisoronay, sy tamin'ireo mpaminaninay, sy tamin'ireo razambenay, ary tamin'ny vahoakanao rehetra hatramin'ny andron'ny mpanjakan'i Asyria ka mandrak'androany izao.
[33]Ianao dia marina tamin'izay rehetra nanjo anay, satria Ianao dia nitondra am-pahatokiana, kanefa izahay no nanao fihetsika naneho faharatsiana. [34]Ireo mpanjakanay, ireo andrian-dahinay, ireo mpisoronay, ary ireo razambenay dia tsy nitandrina ny lalànao, na nitandrina ireo didy sy ireo lalàm-panekena izay nampitandremanao azy ireo.
[35]Na dia tamin'ny fanjakan'izy ireo manokana aza, raha nankafy ny soa lehibe nataonao taminy izy ireo, tamin'ny tany malalaka sy mamokatra izay nataonao teo anatrehan'izy ireo, dia tsy mba nanompo Anao izy ireo na niala tamin'ireo fomba ratsiny.
[36]Ankehitriny izahay dia andevo amin'ny tany nomenao ny razambenay mba hankafy ny vokatra sy ny fanomezana tsaran'izany, ary indro, andevo ao amin'izany izahay! [37]Ny mpanan-karena nahazo tombony tamin'ny taninay dia mankany amin'ny mpanjaka izay napetrakao mba hanjaka eo aminay nohon'ny fahotanay. Izy ireo dia manapaka eo amin'ny tenanay sy ny biby fiompinay araka izay tiany. Anaty fahoriana lehibe izahay.
[38]Noho izany rehetra izany, dia manao fanekena an-tsoratra entitra izahay. Ao amin'ny antontan-taratasy voatombo-kase ny anaran'ireo andrian-dahinay, ireo Levita, ary ireo mpisorona."

10 [1]Ao amin'ireo antontan-taratasy voatombo-kase i Nehemia, governora, zanaka lahin'i Hakalia Zedekia, [2]Seraia, Azaria, Jeremia, [3]Pasora, Amaria, Malkia,
[4]Hatosy, Sebania, Maloka, [5]Harima, Meremota, Obadia, [6]Daniela, Ginetona, Baroka, [7]Mesolama, Abia, Miamina, [8]Mazia, Bilgay, ary Semaia. Ireo no mpisorona.
[9]Ireo Levita dia: Jesoa zanaka lahin'i Azania, Binoy avy amin'ny fianakavian'i Henadada, Kadmiela, [10]ary ireo Levita namany dia i Sebania, Hodia, Kelita, Pelaia, Hanana, [11]Mika, Rehoba, Hasabia, [12]Zakora, Serebia, Sebania, [13]Hodia, Bany ary Benino. [14]Ireo mpitarika ny olona dia: Parosy, Pahata-moaba, Elama, Zato, Bany,
[15]Bony, Azgada, Bebay, [16]Adonia, Bigvay, Adina, [17]Atera, Hezekia, Azora, [18]Hodia, Hasoma, Bezay, [19]Harifa, Anatota, Nebay,
[20]Magpiasy, Mesolama, Hezira, [21]Mesezabela, Zadoka, Jadoa,
[22]Pelatia, Hanana, Anaia, [23]Hosea, Hanania, Hasoba, [24]Halohesy, Pila, Sobeka, [25]Rehoma, Hasabna, Mahaseia, [26]Ahia, Hanana, Anana, [27]Maloka, Harima, ary Bana.
[28]Fa ny olona sisa, izay mpisorona, Levita, mpiandry vavahady, mpihira, mpanompon'ny tempoly, sy ny rehetra izay nanasaraka ny tenany tamin'ireo olona teo amin'ny tany manodidina sy nanokan-tena ho an'ny lalàn'Andriamanitra, anisan'izany ireo vadiny, ireo zanany lahy sy ireo zanany vavy, ireo rehetra manam-pahalalana sy fahazavan-tsaina,
[29]niara-nitambatra tamin'ireo rahalahiny, ireo olona ambony izy ireo, ary namatotra ny tenany tamin'ny ozona sy ny fianianana ny handeha amin'ny lalàn'Andriamanitra, izay nomen'i Mosesy mpanompon'Andriamanitra, ary mba handinika sy hankato ny didin'i Yaveh Tompontsika sy ny fitsipiny ary ireo lalàny rehetra.
[30]Nianiana izahay fa tsy hanome ny zanakay vavy ho an'ny mponin'ny tany na haka ny zanak'izy ireo vavy ho an'ny zanakay lahy. [31]Nianiana ihany koa izahay fa raha mitondra entam-barotra na mety ho vary hamidy ireo mponin'ny tany amin'ny andro Sabata, dia tsy hividy amin'izy ireo amin'ny andro Sabata na amin'izay andro masina izahay. Isaky ny fito taona no hampakanay aina ny taninay, ary ho foananay ireo trosa rehetra izay nifanarahanay tamin'ireo Jiosy hafa.
[32]Ekenay ny fandidiana ny hanomezana ny ampahatelon-tsekely isan-taona ho an'ny fanompoana ny tranon'ny Andriamanitray, [33]ho famatsiana ho an'ny mofon'ny fanatrehana, sy ho an'ny fanatitra hohanina tsy tapaka, ny fanatitra dorana amin'ny andro Sabata, ireo fetin'ny voaloham-bolana sy ireo andro firavoravoana voatondro, sy ho an'ireo fanatitra masina, sy ho an'ireo fanatitra nohon'ny fahotana ho fanavotana ho an'ny Israely, mbamin'izay rehetra asa ho an'ny tranon'ny Andriamanitray.
[34]Nanao filokana ho an'ny fanatitra kitay ireo mpisorona, ireo Levita, sy ny vahoaka. Ireo filokana no hifidy ny amin'izay fianakavianay hitondra ny kitay ho ao an-tranon'ny Andriamanitray amin'ny fotoana voatondro isan-taona, mba ho dorana eo amin'ny alitaran'i Yaveh Andriamanitray, araka izay voasoratra ao amin'ny lalàna. [35]Nianiana ny hitondra ireo voaloham-bokatra izay maniry avy amin'ny taninay, sy ireo voaloham-bokatry ny hazo rehetra isan-taona ao an-tranon'i Yaveh izahay. [36]Araka izay voasoratra ao amin'ny lalàna, nianiana ny hitondra ny voalohan-terak'ireo zanakay lahy sy ireo omby sy ny ondry aman'osinay ao an-tranon'Andriamanitra sy ho eo amin'ireo mpisorona izay manompo ao izaha.
[37]Ho entinay ny voalohan-kobanay sy ny fanatitra hohanina, ary ny voan'ny hazo rehetra, sy ny divay vaovao ary ny diloilo izay entina eo amin'ireo mpisorona, ho any amin'ny efitra fitehirizan'ny tranon'ny Andriamanitray. Ho entinay eo amin'ireo Levita ireo ampahafolon'ny avy amin'ny taninay satria ireo Levita dia manangona ny ampahafolon-karena eo amin'ireo renivohitra rehetra izay hiasanay. [38]Tsy maintsy misy mpisorona, taranak'i Arona miaraka amin'ireo Levita rehefa mandray ny ampahafolon-karena izy ireo. Ireo Levita dia tsy maintsy mitondra ny ampahafolo amin'ny ampahafolon-karena ho ao amin'ny tranon'ny Andriamanitray ho any amin'ny efitra fitehirizan'ny fandatsahan-drakitra.
[39]Ny olon'Israely sy ireo taranak'i Levy no mitondra ireo fandraisana anjara amin'ny vary, divay vaovao, ary diloilo any amin'ny efitra fitehirizana izay hitehirizana ny zavatra masina sy izay hanompoan'ny mpisorona, sy ireo mpiandry vavahady, ary hitoeran'ireo mpihira. Tsy ho ataonay antsirambina ny tranon'ny Andriamanitray.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

11 [1]Nitoetra tany Jerosalema ireo mpitarika ny vahoaka, ary ny vahoaka ambiny dia nanao filokana mba hitondrana ny iray amin'ireo folo hitoetra any Jerosalema, ilay tanàna masina, ary ireo sivy hafa nitoetra tany amin'ireo tanàna hafa. [2]Avy eo ny vahoaka nitso-drano ireo rehetra izay nanolo-tena an-tsitrapo ny honina any Jerosalema.
[3]Ireo dia manam-boninahitry ny faritany izay nipetraka tany Jerosalema. Kanefa, dia nitoetra tany amin'ny taniny avy ny olona tany amin'ny tanàn'ny Joda, anisan'izany ny sasany amin'ireo Israelita, ireo mpisorona, ireo Levita, ireo mpanompon'ny tempoly, ary ireo taranaky ny mpanompon'i Solomona. [4]Tany Jerosalema no nitoeran'ny sasany tamin'ireo taranak'i Joda sy ireo taranak'i Benjamina. Ireo vahoaka avy amin'ny taranak'i Joda dia ahitana an'i: Ataia zanaka lahin'i Ozia zanaka lahin'i Zakaria zanaka lahin'i Amaria zanaka lahin'i Sefatia zanaka lahin'i Mahalila, ilay taranak'i Fareza.
[5]Tao i Maseia zanaka lahin'i Baroka zanaka lahin'i Kola Azeha zanaka lahin'i Hazaia zanaka lahin'i Adaia zanaka lahin'i Joiariba zanaka lahin'i Zakaria, zanaka lahin'ny Silonita. [6]Ireo zanaka lahin'i Fareza rehetra izay nitoetra tany Jerosalema dia 468. Izy ireo dia lehilahy miavaka.
[7]Ireto avy ireo taranak'i Benjamina: Salo zanaka lahin'i Mesolama zanaka lahin'i Joeda zanaka lahin'i Pedaia zanaka lahin'i Kolaia zanaka lahin'i Maseia zanaka lahin'i Itiela zanaka lahin'i Jesaia, [8]ary ireo manaraka azy, dia Gabay sy Salay, lehilahy 928. [1] [9]Joela zanaka lahin'i Zisria no mpiandraikitr'izy ireo, ary Joda zanaka lahin'i Hasenoa dia faharoa amin'ny fibaikona eo amin'ny tanàna.
[10]Avy amin'ireo mpisorona: Jedaia zanaka lahin'i Joariba, Jakina, [11]Seraia zanaka lahin'i Hilkia, zanaka lahin'i Mesolama zanaka lahin'i Zadoka zanaka lahin'i Meraiota zanaka lahin'i Ahitoba, lehiben'ny manam-pahefan'ny tranon'Andriamanitra, [12]ary ireo rahalahin'izy ireo izay nanao ny asa ao amin'ny trano, lehilahy 822, miaraka Adaia zanaka lahin'i Jeroama zanaka lahin'i Pelaia zanaka lahin'i Amzi zanaka lahin'i Zakaria zanaka lahin'i Pasora zanaka lahin'i Malkia.
[13]Ireo rahalahiny dia ireo lohan'ireo foko, lehilahy 242; Amasay zanaka lahin'i Azarela zanaka lahin'i Ahazay zanaka lahin'i Mesilemota zanaka lahin'i Imera, [14]ary ireo rahalahiny, lehilahy mahery fo amin'ny ady 128; ireo mpiandraikiny dia i Zabdiela zanaka lahin'i Hagedolima.
[15]Avy amin'ireo Levita dia: i Semaia zanaka lahin'i Hasoba zanaka lahin'i Azrikama zanaka lahin'i Hasabia zanaka lahin'i Bony, [16]ary Sabetay sy Jozabada, izay avy tamin'ny mpitarik'ireo Levita, izay misahana ny asa ivelan'ny tranon'Andriamanitra.
[17]Ary Matania zanaka lahin'i Mika zanaka lahin'i Zabdy, ilay taranak'i Asafa, ilay lehibe izay nanomboka ny fanoloram-pisaorana tamin'ny vavaka, ary Bakbokia, faharoa amin'ireo rahalahiny, ary Abda zanaka lahin'i Samoa zanaka lahin'i Galala zanaka lahin'i Jedotona. [18]Ny Levita rehetra tao amin'ny tanàna masina dia niisa 284.
[19]Ireo mpiambina vavahady dia: i Akoba, Talmona, ary ireo namany, izay nanara-maso ireo vavahady, lehilahy 172. [20]Ny Israely ambiny sy ireo mpisorona ary ireo Levita izay tao amin'ireo tanànan'i Joda rehetra. Ny tsirairay nitoetra tao amin'ny lovan-taniny avy. [21]Ireo mpiasan'ny tempoly nitoetra tany Ofela, ary Ziha sy Gispa nisahana azy ireo.
[22]Ny lehiben'ny manam-boninahitra teo amin'ireo Levita tany Jerosalema dia i Ozy zanaka lahin'i Bany zanaka lahin'i Hasabiaha zanaka lahin'i Mataniaha zanaka lahin'i Mika, tamin'ny taranak'i Asafa, mpihira tamin'ny asa tao amin'ny tranon'Andriamanitra. [23]Teo ambanin'ny baiko avy amin'ny mpanjaka izy ireo, ary ireo baiko entitra no nomena ireo mpihira araka ny notakiana isan'andro. [24]Avy eo Petaia zanaka lahin'i Mesezabela, taranak'i Zera zanaka lahin'i Joda, dia teo anilan'ny mpanjaka tamin'ireo zavatra rehetra mahakasika ny vahoaka.
[25]Raha ireo tanàna sy ireo sahan'izy ireo, ny sasany tamin'ny vahoakan'i Joda dia nitoetra tany Kiriata-Arba sy ireo tanànany, ary tany Dibona sy ireo tanànany, ary tany Jekabzela sy ireo tanànany, [26]ary tany Jesoa, Molada, Beti-Paleta, [27]Hazarasoala, ary Biry-seba sy ireo tanànany.
[28]Ny sasany tamin'ireo vahoakan'i Joda dia nitoetra tany Ziklagy, Mekona sy ireo tanànany, [29]Enrimona, Zora, Jarmota, [30]Zanoa, Adolama, sy ny tanàn'ireo, ary tany Lakisa sahany ary Azeka sy ireo tanànany. Ka dia nitoertra avy tany Beri-sheba ka hatrany amin'ny lohasahan'i Hinoma izy ireo. [31]Nitoetra teo alohan'i Geba ihany koa ireo vahoakan'i Benjamina, tany Mikmasy sy Aia, tany Betela sy ireo tanànany, [32]tany Anatota, Noba, Anania, [33]Hazora, Rama, Gitaima, [34]Hadida, Jeboima, Nebala, [35]Loda, ary Ono, ary ny lohasahan'ireo mpanao asa tanana. [36]Ny sasany amin'ireo Levita izay nitoetra tany Joda dia notendrena tamin'ny vahoakan'i Benjamina.

---

[1]Fanamarihana: raha tokony ho: "ireo izay manaraka azy", izay ao amin'ny dikan-teny Hebreo sy ny dikan-teny hafa taloha, ireo dikan-teny hafa taloha dia mivaky toy izao: "Ireo rahalahiny"

---

12 [1]Ireto avy ireo mpisorona sy ireo Levita izay niakatra niaraka tamin'i Zerobabela zanaka lahin'i Sealtiela sy niaraka tamin'i Jesoa: Seraia, Jeremia, Ezra, [2]Amaria, Maloka, Hatosy, [3]Sekania, Rehoma, ary Meremota.
[4]Nisy an' i Ido, Ginetoy, Abia, [5]Miamina, Madia, Bilga, [6]Semaia, Joiariba, Jedaia, [7]Salo, Amoka, Hilkia, Jedaia. Ireo no mpitarika ireo mpisorona sy ireo mpiara-miasa amin'izy ireo tamin'ny andron'i Jesoa.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Ireo Levita dia Jesoa, Binoy, Kadmiela, Serebia, Joda, ary Matania, izay nisahana ny hira fanomezam-pisaorana, miaraka amin'ireo mpiara-miasa aminy. [9]Bakbokia sy Ono, ireo mpiara-miasa aminy, dia nijoro nanandrify azy ireo nandritra ny asa fanompoana.
[10]Jesoa no rain'i Joiakima, Joiakima niteraka an'i Eliasiba, Eliasiba niteraka an'i Joiada, [11]Joiada niteraka an'i Jonatana, Jonatana niteraka an'i Jadoa.
[12]Tamin'ny andron'i Joiakima dia ireto avy no mpisorona, lohan'ireo fianakaviana: Meraia lohan'i Seraia, Hanania lohan'i Jeremia, [13]Mesolama lohan'i Ezra, Johanana lohan'i Amaria, [14]Jonatana lohan'i Meliko, ary Josefa lohan'i Sebania. [1]
[15]Adna no lohan'i Harima, Helkay no lohan'i Meraiota, [16]Zakaria no lohan'i Ido, Mesolama no lohan'i Ginetona, ary [17]Zikry no lohan'i Abia... an'i Miniamina. Piltahy no lohan'i Moadia. [2] [18]Samoa no lohan'i Bilga, Jonatana no lohan'i Semaia, [19]Matenay no lohan'i Joariba, Ozy no lohan'i Jedaia, [20]Kalay no lohan'i Salay, Ebera no lohan'i Amoka, [21]Hasabia no lohan'i Hilkia, ary Netanela no lohan'i Jedaia.
[22]Tamin'ny andron'i Eliasiba, ireo Levita Eliasiba, Joiada, Johanana, ary Jadoa no noraketina an-tsoratra ho loham-pianakaviana, ary ireo mpisorona no noraketina an-tsoratra nandritra ny fanjakan'i Dariosy ilay Persiana. [23]Ireo taranak'i Levy, ireo lohan'ny fianakaviany dia voarakitra an-tsoratra tao amin'ny bokin'ny tantara hatramin'ny andron'i Johanana zanaka lahin'i Eliasiba.
[24]Ireo lohan'ireo Levita dia Hasabia, Serebia, Jesoa zanaka lahin'i Kadmiela, niaraka tamin'ny mpiara-miasa amin'izy ireo, izay nijoro nanatrika azy ireo mba hanome fiderana sy hanome fisaorana, mifamaly ny isam-paritra, ho fankatoavana ny didin'i Davida, ilay lehilahin'Andriamanitra. [25]Matania, Bakbokia, Obadia, Mesolama, Talmona, ary Akoba no mpiandry vavahady niambina teo amin'ny trano fitehirizana teo am-bavahady. [26]Nanompo tamin'ny andron'i Joiakima zanaka lahin'i Jesoa zanak'i Jozadaka, ary tamin'ny andron'i Nehemia ilay governora sy tamin'i Ezra mpisorona sy mpanora-dalàna izy ireo.
[27]Tamin'ny fanokanana ny mandan'i Jerosalema, dia nitady ireo Levita tamin'izay rehetra nipetrahan'izy ireo ny vahoaka, hitondra azy ireo any Jerosalema mba hankalaza ny fanokanana am-pifaliana, amin'ny fanoloram-pisaorana ary hihira amin'ny kipantsona, valiha, ary amin'ny lokanga. [28]Ireo mpiara-mihira dia niara-nivory isan-tokony nanodidina an'i Jerosalema sy avy amin'ireo tanàna any Netofatita.
[29]Avy any Beti-gilgala ihany koa izy ireo ary avy any amin'ireo sahan'i Geba ary Azmaveta, fa ireo mpihira dia efa nanamboatra zana-bohitra nanodidina an'i Jerosalema ho azy ireo. [30]Avy eo ireo mpisorona sy ireo Levita dia nanadio ny tenan'izy ireo, ary avy eo nanadio ny vahoaka, ireo vavahady, ary ny manda.
[31]Ary nampiakariko teny an-tampon'ny manda ireo lohan'i Joda, ary nanendry antokom-pihira lehibe roa izay nanome fisaorana aho. Ny iray dia nandeha tany ankavanan'ny manda nankeo amin'ny Vavahadin-Jezika.
[32]Hosaia sy ny antsasaky ny mpitarik'i Joda nanaraka azy ireo, [33]ary nanaraka azy ireo i Azaria, Ezra, Mesolama, [34]Joda, Benjamina, Semaia, Jeremia, [35]sy ny sasany tamin'ireo zanaka lahin'ny mpisorona niaraka tamin'ny trompetra, ary Zakaria zanaka lahin'i Jonatana zanak'i Semaia zanak'i Matania zanak'i Mikaia zanak'i Zakora zanak'i Asafa.
[36]Nisy an'ireo havan'i Zakaria ihany koa, dia Semaia, Azarela, Milalay, Gilalay, May, Netanela, Joda, Hanany, niaraka tamin'ireo zava-manenon'i Davida ilay lehilahin'Andriamanitra. Ezra mpanora-dalàna dia teo anoloan'izy ireo. [37]Teo akaikin'ny Vavahadin-Doharano no niakatra nahitsy tamin'ny tohatra tao amin'ny tanànan'i Davida, tamin'ny zana-tohatra mankany amin'ny manda ambonin'ny lapan'i Davida, tany amin'ny Vavahadin-Drano eo atsinanana izy ireo.
[38]Nandeha tamin'ny lalan-kafa ny antoko mpihiran'ireo izay nanome fisaorana. Nanaraka azy ireo teo amin'ny manda niaraka tamin'ny antsasaky ny vahoaka aho, ary teo ambonin'ny Tilikambon'ny Fatana, teo amin'ny Manda Lehibe, [39]ary ambonin'ny Vavahadin'i Efraima, ary teo amin'ny Vavahady Taloha, ary teo amin'ny Vavahadin'ny Hazan-drano ary ny Tilikambon'i Hananela sy ny Tilikambon-Jato, teo amin'ny Vavahadin'ny Ondry, ary nijanona teo am-Bavahadin'ny Mpiambina izy ireo.
[40]Koa naka ny toeran'izy ireo tao an-tranon'Andriamanitra ireo antokom-pihira roan'ireo izay nanome fisaorana, ary naka ny toerako niaraka tamin'ny antsasaky ny manam-pahefana niaraka tamiko ihany koa aho. [41]Avy eo dia naka ny toerany ireo mpisorona: Eliakima, Mahaseia, Miniamina, Mikaia, Elioenay, Zakaria, ary Hanania, mbamin'ireo trompetra, [42]sy Mahaseia, Semaia, Eleazara, Ozy, Johanana, Malkia, Elama, sy Ezera ihany koa, ary ireo mpihira nanao izay handrenesana azy ireo ary Jizrahia no mpitarika azy ireo.
[43]Nanolotra sorona lehibe izy ireo tamin'izany andro izany, ary niravo, satria Andriamanitra nampiravo azy ireo tamim-pifaliana lehibe. Ireo vehivavy sy ankizy ihany koa dia nifaly. Koa re avy lavitra ny fifalian'i Jerosalema.
[44]Tamin'izany andro izany dia nisy ireo lehilahy notendrena hisahana ny trano fitehirizan-drakitra, ireo voaloham-bokatra, ary ny ampahafolon-karena, mba hanangona ny anjara takian'ny lalàna ho an'ireo mpisorona sy ho an'ireo Levita ao amin'ireo. Ny tsirairay dia notendrena mba hiasa ireo saha akaikin'ny renivohitra. Satria nifaly tamin'ireo mpisorona sy ireo Levita izay nijoro teo anoloan'izy ireo i Joda. [45]Nanatanteraka ny asa ho an'ny Andriamanitr'izy ireo, sy ny asa fanadiovana izy ireo, nanao tahaka izany koa ireo mpihira sy ireo mpiandry vavahady, tamim-pitandremana ny didin'i Davida sy Solomona zanany lahy.
[46]Fa taloha ela be, tamin'ny andron'i Davida sy Asafa, dia nisy mpitarika ireo mpihira, ary nisy hira fiderana sy fanomezam-pisaorana ho an'Andriamanitra. [47]Tamin'ny andron'i Zerobabela sy tamin'ny andron'i Nehemia, dia nanome ny anjara isan'andro ho an'ireo mpihira sy mpiandry vavahady ireo Israely rehetra. Natokan'izy ireo ny anjara izay ho an'ireo Levita, ary ireo Levita nanokana anjara ho an'ireo taranak'i Arona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny vaovao maro, anisan'izany ny ULB sy UDB, dia misy hoe "Meliko" ao amin'ny lahatsoratra Hebreo. Ny tena endrik'io anarana io dia hita ao amin'ny Neh. 12:2.
[2]Fanamarihana: Ny teny hoe"... avy any Miniamina" dia tsy feno satria tsy nisy lohan'izany fianakaviana izany voatonona anarana tao amin'ny lahatsoratra Hebreo.

13 [1]Tamin'izany andro izany dia novakian'izy ireo teo an-tsofin'ny vahoaka ny Bokin'i Mosesy. Hita voasoratra tao amin'izany fa tsy misy Amonita na Moabita tokony hiditra ao amin'ny fiangonan'Andriamanitra, mandrakizay. [2]Izany dia satria tsy tonga teo amin'ny zanak'Israely niaraka tamin'ny mofo sy rano izy ireo, fa nanakarama an'i Balama mba hanozona ny Israely izy ireo. Na dia izany aza, navadiky ny Andriamanitsika ho fitahiana ny ozona. [3]Raha vao nandre ny lalàna izy ireo, dia nosarahan'izy ireo tamin'Israely ny olona hafa firenena rehetra.
[4]Ary talohan'izany io Eliasiba mpisorona io dia voatendry ho ao amin'ireo trano fitehirizan'ny tranon'ny Andriamanitsika. Izy dia nanana fifandraisana tamin'i Tobia. [5]Nikarakara efitrano fitehirizana lehibe ho an'i Tobia i Eliasiba, izay nitehirizan'izy ireo ny fanatitra hohanina, ny ditin-kazo manitra, ireo kojakoja, sy ireo ampahafolom-bokatra, divay vaovao, ary ny diloilo, izay voatokana ho an'ireo Levita, ireo mpihira, ny mpiandry vavahady, ary ireo anjara ho an'ireo mpisorona tany aloha.
[6]Kanefa tamin'izany fotoana rehetra izany dia tsy tao Jerosalema aho. Fa nandeha tany amin'ny mpanjaka aho tamin'ny faharoa amby telopolo taona nanjakan'i Artaksersesy mpanjakan'i Babylona. Fotoana vitsy taorian'izay dia nangataka alalana handao ny mpanjaka aho, [7]ka niverina tany Jerosalema. Fantatro mantsy ny ratsy izay efa nataon'i Eliasiba tamin'ny nanomezany an'i Tobia efitrano fitehirizana lehibe tao an-kianjan'ny tranon'Andriamanitra.
[8]Tezitra mafy aho ka navoakako teo ivelan'ny efitrano fitehirizana avokoa ireo entan'ny fianakavian'i Tobia rehetra.
[9]Nandidy ny hanadiovan'izy ireo ireo efitrano fitehirizana aho, ary naveriko tao amin'ireny ireo entan'ny tranon'Andriamanitra, ireo fanatitra hohanina, ary ny ditin-kazo manitra.
[10]Fantatro fa mbola tsy nomena azy ireo ny anjaran'ireo Levita, ka nitsoaka izy ireo, samy nankany amin'ny taniny avy, ireo Levita sy ireo mpihira izay nanao ny asa. [11]Koa nifanatrika tamin'ireo manam-boninahitra aho ka nanao hoe: "Nahoana no notsinontsinoavina ny tranon'Andriamanitra?" Nangoniko niaraka ary napetrako tamin'ny toerany ireo.
[12]Avy eo dia nitondra ny ampahafolom-bokatra, ny divay vaovao, ary ny diloilo ho an'ny efitrano fitehirizana ny Joda rehetra. [13]Nanendry an'i Selemia mpisorona sy Zadoka mpanora-dalàna, ary tamin'ireo Levita, Pedaia, ho mpitam-bolan'ny trano fitehirizan'Andriamanitra aho. Teo anilan'izy ireo i Hanana zanaka lahin'i Zakora zanaka lahin'i Matania, fa izy ireo no voalaza ho mendri-pitokisana. Ny adidin'izy ireo dia ny mizara ireo vatsy ho an'ireo mpiara-miasa amin'izy ireo. [14]Tsarovy aho, ry Andriamanitro, mahakasika izany, ary aza fafàna ireo asa tsara izay efa nataoko ho an'ny tranon'Andriamanitra sy ireo fanompoana izany.
[15]Ary tamin'izany andro izany dia nahita ireo vahoaka tao Joda nanosihosy famiazam-boaloboka tamin'ny Sabata ary nitondra salohim-bary ka nampitondra ireny tamin'ny borikiny, ary koa divay, voaloboka, aviavy, ary ireo karazan-javatra mavesatra rehetra, izay nentin'izy ireo tao Jerosalema tamin'ny andro Sabata aho. Nanohitra mafy ny nivarotan'izy ireo hanina tamin'izany andro izany aho.
[16]Ireo lehilahy avy tany Tyro nipetraka tao Jerosalema dia nitondra hazandrano sy entam-barotra samihafa, ary novarotan'izy ireo tamin'ny andro Sabata tamin'ny vahoakan'i Joda sy tao amin'ny tanàna ireny! [17]Ary nifanatrika tamin'ireo mpitarik'i Joda aho hoe: "Inona izao zava-dratsy ataonareo, mandoto ny andro Sabata izao? [18]Moa nanao izao ve ireo razanareo? Moa tsy Andriamanitra ve no nitondra izao ratsy rehetra izao tamintsika sy tamin'ity tanàna ity? Ankehitriny ianareo dia mitondra fahatezerana bebe kokoa amin'Israely tamin'ny fandotoana ny Sabata."
[19]Raha vantany vao maizina teo amin'ny vavahadin'i Jerosalema talohan'ny Sabata, dia nandidy ny hikatonan'ireo varavarana sy ny tsy tokony hisokafan'ireny intsony hatramin'ny aorian'ny Sabata aho. Nametraka ny sasany tamin'ireo mpanompoko teo amin'ireo vavahady aho mba tsy hisian'ny entana ho afaka entina miditra amin'ny andro Sabata.
[20]Nitoby tany ivelan'i Jerosalema indray mandeha na indroa ireo mpandranto sy mpivarotra karazan'entana rehetra.
[21]Nefa izaho nampitandrina azy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mitoby ivelan'ny manda? Raha mbola mamerina izany ianareo, dia hikasi-tanana anareo aho!" Nanomboka tamin'izany fotoana izany dia tsy tonga tamin'ny andro Sabata intsony izy ireo. [22]Avy eo nandidy ireo Levita aho mba hanadio ny tenan'izy ireo, ary ho tonga hiambina ireo vavahady, mba hanamasina ny andro Sabata. Tsarovy ihany koa aho ny amin'izany, ry Andriamanitro, ary mamindrà fo amiko nohon'ny tsy fivadiham-panekena anananao amiko.
[23]Tamin'izany andro izany dia nahita ireo Jiosy izay nanambady ireo vehivavin'i Asdoda, Amona, ary Moaba ihany koa aho. [24]Niteny tamin'ny fitenin'i Asdoda ny antsasaky ny taranak'izy ireo. Tsy nisy tamin'izy ireo nahay niteny ny fitenin'ny Joda, fa ny fitenin'ny iray amin'ireo olona hafa irery ihany.
[25]Nifanatrika tamin'izy ireo aho, ka nanozona azy ireo, ary namely ny sasany tamin'izy ireo sy nandrirotra ny volon'izy ireo. Nampianiana azy ireo tamin'Andriamanitra aho, nanao hoe: "Ianareo dia tsy tokony hanome ny zanaka vavinareo ho an'ireo zanaka lahin'izy ireny, na haka ny zanaka vavin'izy ireny ho an'ny zanaka lahinareo, na ho anareo. [26]Moa tsy nanota tamin'ireo vehivavy ireo ve i Solomona mpanjakan'Israely? Tsy nisy mpanjaka toa azy tamin'ireo firenena maro, ka tian'ny Andriamaniny izy, ary Andriamanitra nanao azy ho mpanjaka nanerana ny Israely rehetra. Na dia izany aza,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

nampanotain'ireo vadiny hafa firenena izy. [27]Moa ve tokony hihaino anao izahay ka hanao izany ratsy lehibe izany, ka mivadika amin'ny Andriamanitsika amin'ny fakàna vehivavy hafa firenena ho vady?"
[28]Iray amin'ireo zanaka lahin'i Joiada zanaka lahin'i Eliasiba mpisoronabe dia vinanto lahin'i Sanbala Horonita. Noho izany dia nampandosiriko tamin'ny fanatrehako izy. [29]Tsarovy izy ireny, ry Andriamanitro, satria efa nandoto ny fisoronana, sy ny faneken'ny fisoronana ary ireo Levita.
[30]Toy izany no nandiovako azy ireny tamin'ny zava-drehetra hafa firenena, ka nametraka ireo adidin'ireo mpisorona sy ireo Levita, ny tsirairay ho samy amin'ny asany avy. [31]Namatsy tamin'ny fotoana voatondro ny fanatitra kitay sy ireo voaloham-bokatra aho. Tsarovy amin'ny tsara aho, ry Andriamanitro.

Estera

1

[1]Tamin'ny andron'i Ahasoerosy (Ahasoerosy no nanjaka hatrany India ka hatrany Etiopia, nanenika ny faritany 127), [2]tamin'izany andro izany dia nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany tao amin'ny fiarovana mafin'ny Sosana i Ahasoerosy mpanjaka.
[3]Tamin'ny taona fahatelo nanjakany, dia nanao fanasana ho an'ireo manam-pahefana sy ireo mpanompony rehetra izy. Ny tafik'i Persia sy Media, ireo lehilahy manan-kaja, sy ireo governoran'ireo faritany dia teo amin'ny fanatrehany.
[4]Nampiharihary ny haren'ny famirapiratan'ny fanjakany sy ny hajan'ny voninahitrin'ny fahalehibiazany nandritry ny andro maro, nandritry ny 180 andro izy.
[5]Ary rehefa tapitra ireo andro ireo, dia nanao firavoravoana nandritry ny fito andro ny mpanjaka. Natao ho an'ny olona rehetra teo amin'ny fiarovana mafin'i Sosana izany, hatramin'ny lehibe indrindra ka hatramin'ny madinika indrindra. Natao teo an-kianjan'ny zaridainan'ny lapan'ny mpanjaka izany. [6]Ny kianjan'ny zaridaina dia voahaingo tamin'ny lamba vita amin'ny landihazo fotsy sy volomparasy, tamin'ny kofehin-drongony fotsy madinika ary volomparasy, nihantona tamin'ny mason-drojo volafotsy hatreny amin'ny andrin'ny marbra. Nisy farafara volamena sy volafotsy teo amin'ny filaharan'ny lampivato porfira, marbra, hara, sy rarivato miloko.
[7]Naroso tamin'ny kapoaka volamena ny zava-pisotro. Ny kapoaka tsirairay dia tsy manam-paharoa ary betsaka tokoa ny divaim-panjakana nohon'ny fahalalan-tanan'ny mpanjaka. [8]Ny zava-pisotro dia nentina nivoaka ho fitandrovana ny didy hoe: "Tsy misy faneriterena." Nanome baiko ny mpiasa rehetra tao an-dapany ny mpanjaka mba hanao izay rehetra irin'ny vahiny tsirairay.
[9]Koa nanao fanasana ho an'ny vehivavy ihany koa i Vasty mpanjaka vavy tao amin'ny lapan'i Ahasoerosy mpanjaka.
[10]Tamin'ny andro fahafito, raha nahatsiaro faly ny fon'ny mpanjaka nohon'ny divay, dia niteny tamin'i Mehomana, Bizta, Harbona, Bigta, Abagta, Zetara, ary Karkasa (ireo manam-boninahitra fito nanompo teo anoloany) izy, [11]mba hitondra ny mpanjaka vavy Vasty ho eo anoloany miaraka amin'ny satro-boninahiny. Tiany haseho amin'ny vahoaka sy ireo manam-boninahitra ny hatsarany, satria manaitra loatra ny endriny.
[12]Fa nandà ny handeha araky ny tenin'ny mpanjaka izay nentin'ireo manam-boninahitra teo aminy i Vasty mpanjaka vavy. Avy eo dia tezitra mafy ny mpanjaka; nirehitra tao anatiny ny fahatezerany.
[13]Noho izany ny mpanjaka dia nifandinika tamin'ireo lehilahy izay fantatra fa hendry, izay mahafantatra ny andro (fa izany no fanaon'ny mpanjaka manoloana an'ireo rehetra manam-pahaizana manokana amin'ny lalàna sy ny fitsaràna).
[14]Ary ny akaiky azy indrindra dia i Rarsena, Setara, Admata, Tarsisy, Maresa, Marsena, ary Memokana, ireo andriana fiton'i Persia sy Media. Afaka nifanerasera tamin'ny mpanjaka izy ireo, ary nitàna ny toerana ambony tao amin'ny fanjakana. [15]"Araka ny fanarahan-dalàna, inona no tokony hatao amin'i Vasty mpanjaka vavy nohon'ny tsy fankatoavany ny baikon'i Ahasoerosy mpanjaka, izay nentin'ireo manam-boninahitra teo aminy?"
[16]Hoy Memokana teo anatrehan'ny mpanjaka sy ireo manam-boninahitra hoe: "Tsy tamin'ny mpanjaka ihany i Vasty mpanjaka vavy no nanao fahadisoana, fa tamin'ireo manam-boninahitra sy ireo vahoaka izay manerana ny faritanin'i Ahasoerosy mpanjaka ihany koa. [17]Fa ny zavatra nataon'ny mpanjaka vavy dia ho fantatr'ireo vehivavy rehetra. Hahatonga azy ireo hamingavinga ny vadin'izy ireo izany. Hiteny izy ireo hoe: 'Nanome didy i Ahaseorosy mpanjaka mba ho entina eo anoloany i Vasty mpanjaka vavy, fa nandà izy. [18]Mialohan'ny hiafaran'ity andro ity ihany ny andriambavin'i Persia sy Media izay naheno ny zavatra nataon'ny mpanjaka vavy dia hiteny toy izany amin'ireo manam-boninahitry ny mpanjaka koa. Dia hisy famingavingana sy fahatezerana be.
[19]Raha ankasitrahan'ny mpanjaka izany, dia aoka hisy didim-panjakana hivoaka avy any aminy, ary aoka ho voasoratra ao amin'ny lalànan'i Persianina sy Medianina, izay tsy azo foanana, fa Vasty dia tsy mahazo mankeo anoloany intsony. Aoka homen'ny mpanjaka ho an'ny vehivavy izay tsara noho izy ny toerana maha-mpanjaka azy. [20]Rehefa voatory manerana ny fanjakana midadasika izany didin'ny mpanjaka izany, dia hanaja ny vadiny avokoa ny vehivavy rehetra, manomboka amin'ny lehibe indrindra ka hatramin'ny madinika indrindra."
[21]Dia sitraky ny mpanjaka sy ny andriany izany toro-hevitra izany, ary nanao araka izay nanoloran'i Memokana hevitra azy ny mpanjaka. [22]Nandefa taratasy ho any amin'ny faritanim-panjakana rehetra izy, ho an'ireo faritany rehetra araka sorany avy, ary ho an'ny firenena tsirairay araka ny fiteniny avy. Nanao didy izy fa ny lehilahy rehetra dia ho masi-mandidy eo amin'ny tokatranony. Nomena araka ny fitenin'ireo vahoaka tsirairay tao amin'ny fanjakany izany didy izany.

2

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Taorian'ireo zavatra ireo, rehefa nitony ny fahatezeran'i Ahasoerosy mpanjaka, dia neritreritra an'i Vasty sy izay efa nataony izy. Noeritreretiny koa ny didy izay nentiny nitsaràna azy. [2]Dia hoy ireo zatovo lahin'ny mpanjaka izay nanompo azy hoe: "Aoka hisy fitadiavana tovovavy tsara tarehy virijiny ho an'ny mpanjaka.
[3]Aoka ny mpanjaka hanendry manam-pahefana amin'ny faritany rehetra amin'ny fanjakany, mba hanangona ireo tovovavy tsara tarehy virijiny rehetra ho any an-tranom-behivavy any amin'ny fiarovana mafy any Sosana. Aoka izy ireo hapetraka ao ambany fiahian'i Hegay, tsindranolahin'ny mpanjaka, izay miandraikitra ny vehivavy, ary aoka izy hanome azy ireo ireo fikoloana ny endrik'izy ireo. [4]Aoka ny tovovavy izay mahafaly ny mpanjaka ho tonga mpanjaka vavy eo amin'ny toeran'i Vasty." Dia nahafaly ny mpanjaka izany toro-hevitra izany, ka dia notanterahiny arak'izany.
[5]Ary nisy Jiosy iray tao amin'ny fiarovana mafin'i Sosana izay nantsoina hoe Mordekay zanaka lahin'i Jaira zanaka lahin'i Simey zanaka lahin'i Kisy, izay taranak'i Benjamina. [6]Nentina avy tany Jerosalema niaraka tamin'ireo sesitany mbamin'ireo izay nalaina niaraka tamin'i Jekonia, mpanjakan'i Joda, izay nobaboin'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babilona izy.
[7]Izy no nitaiza an'i Hadasa, izay atao hoe, Estera, zanaka vavin'ny dadatoany, satria tsy nanana na ray na reny izy. Tsara tarehy ilay tovovavy ary manam-bika maha-te-ho tia. Dia noraisin'i Mordekay toy ny zanany vavy izy.
[8]Rehefa nambara ny baiko sy didin'ny mpanjaka, dia tovovavy maro no nentina tany amin'ny fiarovana mafin'i Sosana. Napetraka teo ambany fiahian'i Hegay izy ireo. Dia nentina tao an-dapan'ny mpanjaka koa i Estera ary napetraka tao ambany fiahian'i Hegay, ilay mpiandraikitra ny vehivavy. [9]Dia nahafaly azy ilay tovovavy, ka nahita sitraka taminy izy. Avy hatrany dia nomeny ireo fikoloana endrika sy ny anjara sakafony izy. Dia nanendry mpanompovavy fito avy tao an-dapan'ny mpanjaka ho azy izy, ka nafindrany tao amin'ny toerana tsara indrindra tao an-tranon'ireo vehivavy izy mbamin'ireo mpanompovavy.
[10]Tsy nolazain'i Estera tamin'iza na iza izay fireneny na ireo havany, satria efa nanarin'i Mordekay izy mba tsy hiteny.
[11]Isan'andro dia mivezivezy manoloana ny kianja eo ivelan'ny tranon'ireo vehivavy i Mordekay, mba hahafantarany ny momban'i Estera, sy momba izay hatao aminy.
[12]Rehefa tonga ny anjaran'ny tovovavy tsirairay mba ho ao amin'i Ahasoerosy mpanjaka—arak'ireo didy amam-pitsipika ho an'ireo vehivavy, dia tsy maintsy mahafeno fikarakarana hatsaram-batana mandritry ny roa ambin'ny folo volana ny tovovavy tsirairay, enim-bolana miaraka amin'ny menaka miora, ary enim-bolana kosa miaraka amin'ireo zava-manitra sy ireo fikoloana endrika— [13]rehefa nandeha nankany amin'ny mpanjaka ny tovovavy iray, dia nomena azy izay rehetra nilainy tao an-tranon'ireo vehivavy, mba ho azy ho entina ao an-dapa.
[14]Ny hariva dia hiditra ao anatiny izy, ary ny maraina kosa dia hiverina ao an-trano faharoan'ireo vehivavy izy, ary any an-trano fiarovan'i Sasegaza, tsindranolahin'ny mpanjaka, izay niandraikitra ireo vaditsindrano. Dia tsy hiverina any amin'ny mpanjaka intsony izy raha tsy efa nahazo fifaliam-be tamin-dravehivavy, ka niantso azy indray.
[15]Rehefa tonga ny fotoanan'i Estera (zanaka vavin'i Abihaila, rahalahin-drain'i Mordekay, izay efa nandray azy toy ny zanany vavy) hidirany tao amin'ny mpanjaka, dia tsy nangataka na inona na inona izy, ankoatr'izay natolotr'i Hegay tsindranolahin'ny mpanjaka, izay niandraikitra ireo vehivavy, ihany. Ary nahazo fankasitrahana tamin'izay rehetra nahita azy i Estera. [16]Dia nentina tany amin'i Ahasoerosy mpanjaka ho ao amin'ny toeram-ponenan'ny mpanjaka tamin'ny volana faha folo i Estera, izay volan'i Tebeta, tamin'ny fahafito taona nanjakany.
[17]Dia tian'ny mpanjaka mihoatra noho ireo vehivavy rehetra i Estera ary nahazo fanekena sy fankasitrahana teo anatrehany izy, mihoatra noho ireo virijiny rehetra. Noho izany dia nosatrohiny satro-boninahitra teo amin'ny lohany ary nataony mpanjakavavy ho solon'i Vasty izy. [18]Dia nanome fanasana lehibe ho an'ireo manampahefany rehetra sy ireo mpanompony rehetra ny mpanjaka, "fanasan'i Estera," ary nomeny fahafahana tamin'ny fandoavan-ketra ireo faritany. Dia nanome fanomezana tamin'ny fahalalahan-tanan'ny mpanjaka koa izy.
[19]Ary rehefa tafangona fanindroany ireo virijiny, dia nipetraka teo am-bavahadin'ny mpanjaka i Mordekay.[20]Mbola tsy nilaza tamin'iza na iza mahakasika ireo havany na ny fireneny i Estera, arak'izay nananaran'i Mordekay azy. Dia nanaraka hatrany ny toro-hevitr'i Mordekay izy, arak'izay efa nataony fony izy notezainy. [21]Tamin'izany andro izany, raha nipetraka teo am-bavahadin'ny mpanjaka i Mordekay, dia sorena sy nitady hanisy ratsy an'i Ahasoerosy mpanjaka, ny roa tamin'ireo tsindranolahy, dia Bigtana sy Taresy, izay niambina ny vavahady.
[22]Rehefa fantatr'i Mordekay ny zava-misy, dia notantarainy tamin'i Estera mpanjakavavy, ary Estera kosa niresaka tamin'ny mpanjaka tamin'ny anaran'i Mordekay. [23]Voahadihady sady voamarina ny tatitra, ka nahantona tamin'ny hazo fanantonana izy mirahalahy. Nosoratana tao anatin'ny Bokin'Ny Tantara teo anatrehan'ny mpanjaka izany tantara izany.

3 [1]Taorian'ireo zavatra ireo, dia nasandratr'i Ahasoerosy mpanjaka i Hamana zanak'i Hamedota ao Agagita, ary napetrany ambonin'ireo manam-pahefana rehetra izay niaraka taminy ny toeram-pahefany. [2]Ireo mpanompon'ny mpanjaka rehetra izay tao am-bavahadin'ny mpanjaka dia nandohalika sy niankohoka tamin'i Hamana, arak'izay nibakoin'ny mpanjaka hataon'izy ireo. Saingy tsy nandohalika na niankohoka taminy i Mordekay.
[3]Dia hoy ireo mpanompon'ny mpanjaka izay teo am-bavahadin'ny mpanjaka tamin'i Mordekay hoe: "Nahoana ianao no tsy mankatoa ny didin'ny mpanjaka?" [4]Niresaka taminy isan'andro izy ireo, saingy nandà ny hanatanterahana ny fangatahan'izy ireo izy. Koa dia niresaka tamin'i Hamana izy ireo mba hizaha raha nijanona toy izany ilay zavatra momban'i Mordekay, fa izy dia efa nilaza tamin'izy ireo fa Jiosy izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Rehefa hitan'i Hamana fa tsy nandohalika sy niankohoka taminy i Mordekay, dia feno fahatezerana izy. [6]Nandà ny hevitra hamono an'i Mordekay irery ihany izy, fa ireo mpanompon'ny mpanjaka nilaza taminy hoe iza moa ny vahoakan'i Mordekay. Naniry ny handringana ny Jiosy rehetra i Hamana, ny vahoakan'i Mordekay, izay tao amin'ny fanjakan'i Ahasoerosy manontolo.
[7]Tamin'ny volana voalohany (izay volan'i Nisana), tamin'ny faharoa ambin'ny folo taona nanjakan'i Ahasoerosy, dia ny Pora—izany no loka—natsipy teo anoloan'i Hamana, mba hifidianana andro sy volana. Dia natsipin'izy ireo ombieny ombieny ny loka mandra-pilatsahan'izany teo amin'ny volana faha roambin'ny folo (izay volan'ny Adara).
[8]Dia hoy Hamana tamin'i Ahasoerosy Mpanjaka hoe: "Misy vahoaka sasany miely sy miparitaka manerana ny faritanin'ny fanjakanao rehetra. Ny lalàn'izy ireo dia hafa noho ny an'ny vahoaka sasany, ary izy ireo dia tsy mba mitandrina ny lalàn'ny mpanjaka, ka tsy mahasoa ny mpanjaka ny famelana azy ireo hijanona. [9]Fa raha sitraky ny mpanjaka, dia manomeza baiko mba hamonoana azy ireo, ary handoa talenta volafotsy iray alina eo an-tanan'ny mpanao raharahan'ny mpanjaka aho, mba ho entina ao amin'ny rakitry ny mpanjaka."
[10]Dia nandray peratra fitombokase tamin'ny tanany ny mpanjaka ary nomeny an'i Hamana zanaka lahin'i Hamedata Agatita, fahavalon'ireo Jiosy. [11]Hoy ny mpanjaka tamin'i Hamana hoe: "Hitako fa naverina taminareo sy ny vahoakareo ny vola. Ho ataonareo amin'izay rehetra hirinareo izany."
[12]Dia voaantso tamin'ny andro fahatelo ambin'ny folo tamin'ny volana voalohany ireo mpanora-dalàn'ny mpanjaka, ary ny lalàna rehetra izay nandidian'i Hamana dia nosoratana ho an'ireo governoram-paritanin'ny mpanjaka, ireo izay teo amin'ny faritany rehetra, ho an'ireo governoran'ny olona samihafa rehetra, ary ho an'ny manam-pahefan'ny vahoaka rehetra, isakin'ny faritany ny sora-tanan'izy ireo, ary ho an'ny vahoaka rehetra isakin'ny fiteniny avy. Dia nosoratana tamin'ny anaran'i Ahasoerosy mpanjaka izany ary voatombokase tamin'ny peratrany. [13]Natolo-tanana tamin'ny alalan'ireo iraka tany amin'ny faritanin'ny mpanjaka rehetra ireo antontan-taratasy, mba handringanana, hamonoana, ary hamotehana ny Jiosy rehetra, manomboka amin'ny tanora ka hatramin'ny antitra, ary ny ankizy sy ny vehivavy, anatin'ny andro iray—amin'ny andro faha-telo ambin'ny folo amin'ny volana faharoa ambin'ny folo (izay volan'i Adara) —ary mba handrobana ny haren'izy ireo.
[14]Natao lalàna isaky ny faritany ny dika amin'ilay taratasy. Dia nampahafantarina ny vahoaka rehetra isaky ny faritany rehetra fa tokony hiomanan'izy ireo ho amin'izany andro izany. [15]Dia nivoaka ireo iraka ary nizara faingana ny didin'ny mpanjaka. Efa voazara tao amin'ny fiarovana mafin'ny Sosana ihany koa ny lalàna. Nipetraka mba hisotro i Hamana sy ny mpanjaka, saingy tao anaty korontana ny tanànan'ny Sosana.

4 [1]Rehefa fantatr'i Mordekay izay efa vita rehetra, dia norovitiny ny akanjony ka nitafy lamba fisaonana sady nihoson-davenona izy. Nandeha nivoaka teo afovoan'ny tanàna izy, ary nihikiaka sy nidradradradra mafy. [2]Tonga lavitra teo amin'ny vavahadin'ny mpanjaka fotsiny izy, satria tsy nisy olona nahazo alalana andeha eo amin'izany miaraka amin'ny akanjo fisaonana. [3]Ary tany amin'ny faritra rehetra, na taiza na taiza tongan'ny baiko sy lalàn'ny mpanjaka, dia nisy fisaonana lehibe teo amin'ireo Jiosy, niaraka tamin'ny fifadian-kanina, fitomaniana, ary fitarainana. Maro amin'izy ireo no nandry teo amin'ny lamba fisaonana aman-davenona.
[4]Rehefa tonga ny ankizivavin'i Estera sy ireo mpanompony ary niteny taminy, dia nalahelo mafy ilay mpanjaka vavy. Nandefa fitafy hampiankanjoana an'i Mordekay izy (mba afahany manala ny akanjo fisaonany), saingy tsy hanaiky ireo izy. [5]Avy eo Estera niantso an'i Hatàka, iray amin'ireo tsindranolahin'ny mpanjaka izay notendrena hanompo azy. Nibaiko azy mba handeha any amin'i Mordekay izy mba hahafantarana izay nitranga sy izay anton'izany.
[6]Noho izany dia nankany amin'i Mordekay any amin'ny tanàna eo anoloan'ny vavahadin'ny mpanjaka i Hakàta.
[7]Nolazain'i Mordekay taminy izay rehetra nitranga taminy, sy ny fitambaran'ny volafotsy izay nampanantenain'i Hamana haloa sy hapetraka ao amin'ny trano fitehirizan'ny mpanjaka mba hamonoana ireo Jiosy. [8]Nomeny azy koa ny dika mitovy tamin'ny lalàna izay navoaka tany Sosana ny amin'ny fanapotehana ny Jiosy. Nataony izany mba afahan'i Hatàka mampiseho izany amin'i Estera, sy mba hanomezany azy ny andraikitra amin'ny fandehanana any amin'ny mpanjaka mba hitalaho ny fankasitrahany, ary hitalaho aminy amin'ny anaran'ny vahoakany.
[9]Koa dia nandeha i Hatàka ary nilaza tamin'i Estera izay nolazain'i Mordekay. [10]Avy eo Estera niresaka tamin'i Hatàka ary nilaza taminy mba hiverina any amin'i Mordekay. [11]Hoy izy hoe: "Fantatr'ireo mpanompon'ny mpanjaka rehetra sy ny vahoakan'ireo mpanjaka any amin'ny faritra fa raha misy lehilahy na vehivavy mankany amin'ny mpanjaka ao anatin'ny kianja nefa tsy nampanantsoina, dia misy lalàna iray fotsiny: dia ny hamonoana azy ho faty—ankoatr'izay tondroin'ny mpanjaka amin'ilay tehim-bolamena mba afahany ho velona. Tsy nantsoina hankany amin'ny mpanjaka aho izay telopolo andro izay." [12]Noho izany dia notaterin'i Hatàka tamin'i Mordekay ireo tenin'i Estera.
[13]Nandefa izao hafatra izao Mordekay hoe: "Tsy tokony hieritreritra ianao fa ao amin'ny lapan'ny mpanjaka, no afahanao mihoatra noho ireo Jiosy hafa rehetra. [14]Raha mangina ianao amin'izao fotoana izao, dia hisy fanafahana sy famonjena hiseho amin'ireo Jiosy any amin'ny toerana hafa, fa ianao sy ny tranon'ny rainao kosa ho ringana. Iza no mahalala raha ho amin'ny fotoana tahaka izao no nahatongavanao ho amin'ny toerana maha-mpanjaka?"
[15]Avy eo Estera nandefa izao hafatra izao tamin'i Mordekay hoe: [16]"Mandehana, angony hiaraka ny Jiosy rehetra izay monina any Sosana, ary mifadia hanina ho ahy. Aza misotro na mihinana mandritry ny telo andro, alina sy andro. Izaho

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

sy ireo ankizivaviko ihany koa dia hifady tahaka izany. Avy eo aho handeha any amin'ny mpanjaka, na dia mandika ny lalàna aza izany, ary raha maty aho, dia maty." [17]Lasa Mordekay ary nanao izay rehetra nolazain'i Estera azy mba hatao.

5 [1]Afaka telo andro, nanaovan'i Estera ny akanjo fiandrianany ary nandeha nitsangana tao anatin'ny kianjan'ny lapan'ny mpanjaka, teo anoloan'ny tranon'ny mpanjaka izy. Ny mpanjaka nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany tao amin'ny tranon'ny mpanjaka, mifanatrika amin'ny fidiran'ny trano. [2]Rehefa nahita an'i Estera mpanjaka nitsangana teo an-kianja ny mpanjaka, dia nahazo fankatoavana teo imasony izy. Notondroiny tamin'ny tehim-bolamena teny an-tanany izy. Ka dia nanatona i Estera ka nanendry ny tendron'ny tehim-panjakana.
[3]Avy eo niteny taminy ny mpanjaka hoe: "Inona no ilainao, ry Estera mpanjaka? Inona no fangatahanao? Na dia mihoatra ny antsasaky ny fanjakako aza, dia homena anao izany." [4]Hoy Estera hoe: "Raha sitraky ny mpanjaka izany, dia aoka ny mpanjaka sy Hamana ho avy amin'ny fanasana izay nomaniko ho azy androany."
[5]Dia niteny ny mpanjaka hoe: "Ento faingana Hamana, mba hanao izay nolazain'i Estera." Ka dia nankany amin'ny fanasana izay nomanin'i Estera ny mpanjaka sy Hamana. [6]Rehefa naroso tao amin'ny fanasana ny divay, dia niteny tamin'i Estera ny mpanjaka hoe: "Inona no tadiavinao? Fa homena anao izany. Inona no fangatahanao? Fa na dia mihoatra ny antsasaky ny fanjakako aza, dia homena izany."
[7]Namaly Estera hoe: "Izao no tadiaviko sy angatahiko, [8]raha mahita sitraka eo imason'ny mpanjaka aho ary raha sitraky ny mpanjaka ny hanome izay tadiaviko ary hanaja ny fangatahako, dia aoka ny mpanjaka sy Hamana ho avy amin'ny fanasana izay homaniko ho anareo rahampitso ary dia hamaly ny fanontanian'ny mpanjaka aho.'"
[9]Nivoaka tamin'izany andro izany tamin'ny fo faly sy ravo i Hamana. Fa rehefa hitan'i Hamana teo amin'ny vavahadin'ny mpanjaka i Mordekay, ary tsy nitsangana na nangovitra tamin-tahotra teo anoloany i Mordekay, dia feno fahatezerana tamin'i Mordekay izy. [10]Na izany aza, dia nifehy ny tenany i Hamana ka nandeha tany an-tranony. Nampaniraka ireo namany izy ary nampivory azy ireo, niaraka tamin'i Zaresa vadiny. [11]Naverin'i Hamana notanisaina tamin'izy ireo ny famirapiratan'ireo hareny, ny isan'ireo zanany lahy maro, ny fampisondrotana rehetra izay nanomezan'ny mpanjaka voninahitra azy, ary ny fomba nandrosoany teo amin'ireo manamboninahitra sy ireo mpanompon'ny mpanjaka rehetra.
[12]Hoy Hamana hoe: "Estera mpanjaka dia tsy nanasa olona afa-tsy izaho ho tonga miaraka amin'ireo mpanjaka amin'ny fanasana nomaniny. Na dia rahampitso koa aza dia nasainy hiaraka amin'ireo mpanjaka indray aho. [13]Nefa izany rehetra izany dia tsy mendrika na inona na inona ho ahy raha mbola mahita an'i Mordekay ilay Jiosy mipetraka eo am-bavahadin'ny mpanjaka aho."
[14]Dia niteny tamin'i Hamana sy ireo namany rehetra Zaresa vadiny hoe: "Aoka izy ireo hanao hazo fanantonana dimampolo hakiho ny haavony. Amin'ny maraina dia miresaha amin'ny mpanjaka mba hanantonan'izy ireo an'i Mordekay eo amin'izany. Ary dia mandehana am-pifaliana miaraka amin'ny mpanjaka any amin'ny fanasana." Sitrak'i Hamana izany ary nanamboatra an'ireo hazo fanantonana izy.

6 [1]Tsy nahita tory ny mpanjaka tamin'iny alina iny. Nandidy ny mpanompo izy mba hitondra ny boky fitehirizana tantara tamin'ny fotoana nitondrany, ary novakiana mafy tamin'ny mpanjaka izany. [2]Voarakitra tao fa niresaka ny momban'i Bigtana sy Taresy i Mordekay, roa tamin'ireo manamboninahitry ny mpanjaka izay niandry ny varavarana fidirana, izay nikasa ny hanao ratsy ny mpanjaka Ahasoerosy. [3]Dia nanontany ny mpanjaka hoe: "Inona moa no efa mba natao mba nanomezana voninahitra na nankatoavana an'i Mordekay tamin'ny nanaovany izany?" Ary ireo zatovo lahin'ny mpanjaka izay nanompo azy niteny hoe: "Tsy nisy natao taminy."
[4]Hoy ny mpanjaka hoe: "Iza no ao an-kianja ao? Sendra tonga teo an-kianja ivelan'ny tranon'ny mpanjaka i Hamana mba hiteny aminy ny amin'ny hanantonany an'i Mordekay eo amin'ny hazo fanantonana izay efa natsangany ho azy. [5]Niteny taminy ireo mpanompon'ny mpanjaka hoe: "Hamana no mijoro eo an-kianja." Dia hoy ny mpanjaka hoe: "Avelao izy hiditra." [6]Rehefa niditra Hamana dia hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Inona no tokony atao amin'ny lehilahy izay tian'ny mpanjaka homem-boninahitra?" Dia hoy Hamana niteny anakampo hoe: "Iza moa no homen'ny mpanjaka voninahitra ankoatra ahy?"
[7]Hoy Hamana tamin'ny mpanjaka hoe: "Ho an'ny lehilahy izay tian'ny mpanjaka omem-boninahitra, [8]aoka ho entina ny akanjo lava fiandrianana, akanjo izay efa fanaovan'ny mpanajaka, ary ny soavaly izay efa notaingenan'ny mpanjaka, ary eo amin'ny lohany ny satro-boninahitra. [9]Ary aoka ny akanjo sy ny soavaly homena ny iray amin'ireo manamboninahitra mendri-kaja indrindra. Aoka izy ireo hampiakanjo ny lehilahy tian'ny mpanjaka homem-boninahitra, ary aoka izy ireo hitarika azy hitety ny lalan'ny tanàna amin'ilay soavaly. Koa aoka izy ireo hanambara hoe: 'izao no natao tamin'ilay tian'ny mpanjaka homem-boninahitra!'"
[10]Ary hoy ny mpanjaka tamin'i Hamana hoe: "Faingàna, alaivo ny akanjo sy ny soavaly, araka izay efa nolazainao, ary ataovy ho an'i Mordekay ilay Jiosy izay mipetraka eo am-bavahadin'ny mpanjaka izany. Aza misy atao latsaka ireo izay nolazainao." [11]Ary Hamana naka ilay akanjo sy ilay soavaly. Dia nampiakanjoany i Mordekay ary nentiny nitety ny lalan'ny tanàna rehetra tamin'ilay soavaly izy. Nanambara teo anoloany izy hoe: "Izao no natao tamin'ny lehilahy izay tian'ny mpanjaka homem-boninahitra!"
[12]Niverina teo am-bavahadin'ny mpanjaka i Mordekay, fa Hamana kosa nanafaingana ny soavaliny ho any an-tranony, nalahelo, nisaron-doha. [13]Notantarain'i Hamana tamin'i Zaresy vadiny sy ireo sakaizany rehetra ny zava-drehetra nihatra

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

taminy. Ary ny olon-kendry rehetra sy Zaresy vadiny niteny taminy hoe: "Raha Mordekay, izay niantomboka nandavo anao teo anatrehany, no Jiosy, dia tsy hahatratra azy mihitsy ianao, fa dia ho lavo eo anatrehany tokoa ianao." [14]Raha mbola niresaka taminy izy ireo, dia tonga ireo manamboninahitry ny mpanjaka. Dia nitondra faingana an'i Hamana tany amin'ny fanasana izay efa nomanin'i Estera izy ireo.

7 [1]Koa dia nandeha nanao firavoravoana niaraka tamin'i Estera Mpanjaka ny mpanjaka sy Hamana. [2]Tamin'io andro faharoa io, raha iny izy ireo nandroso divay iny, dia hoy ny mpanjaka tamin'i Estera hoe: "Inona no fanirianao, ry Estera Mpanjaka? Ho tanterahina aminao izany. Inona no fangatahanao? Hatramin'ny antsasaky ny fanjakana, dia ho tanterahina izany."
[3]Dia namaly Estera Mpanjaka hoe: "Raha nahita fitia teo imasonao aho, ry mpanjaka, ary raha ankasitrahanao, dia aoka homena ahy ny aiko—izany no faniriako, ary mangataka izany ho an'ny vahoakako ihany koa aho. [4]Fa namidy izahay, izaho sy ny vahoakako, mba ho potehina, ho vonoina, ary ho ringanina. Raha namidy ho amin'ny fanandevozana fotsiny mantsy izahay, mba ho andevo lahy sy vavy, dia ho nangina aho, satria tsy ho nisy fahoriana tahaka izao afaka hanamarina ny fanelingelenana ny mpanjaka." [5]Dia hoy i Ahasoerosy Mpanjaka tamin'i Estera mpanjakavavy hoe: "Iza izany? Aiza no hahitana ilay olona nanesitsesika ny fony hanao zavatra tahaka izany?"
[6]Hoy Estera hoe: "Ilay lehilahy rafy, izany fahavalo izany, dia ilay Hamana ratsy iny!" Dia nihorohoro teo anatrehan'ny mpanjaka lahy sy ny mpanjaka vavy i Hamana. [7]Nitsangana tamin-katezerana avy teo amin'ny fisotroan-divay tao amin'ny fanasana ny mpanjaka ka nandeha tao amin'ny zaridainan'ny lapa, saingy nijanona mba hitalaho ny amin'ny ainy tamin'i Estera Mpanjaka i Hamana. Tsinjony fa efa nisy loza tapaky ny mpanjaka ho azy.
[8]Dia niverina avy tany an-jaridainan'ny lapa ny mpanjaka ka niditra tao amin'ny efitrano izay nandrosoana ny divay. Teo dia nianjera teo amin'ny seza lava nisy an'i Estera i Hamana. Hoy ny mpanjaka hoe: "Hamely ny mpanjaka vavy eo anatrehako ato amin'ny tranoko mihitsy ve izy?" Vantany vao nivoaka avy tao am-bavan'ny mpanjaka izany fehezanteny izany, dia nosaronan'ireo mpanompo ny tavan'i Hamana.
[9]Avy eo dia niteny Harbona, iray tamin'ireo tandapa nanompo ny mpanjaka hoe: "Misy hazo fanantonana dimampolo hakiho miorina eo akaikin'ny tranon'i Hamana. Naoriny ho an'i Mordekay io, ilay iray izay niteny mafy mba hiaro ny mpanjaka." Dia hoy ny mpanjaka hoe: "Ahantony eo amin'izany izy." [10]Koa dia nahanton'izy ireo teo amin'ilay hazo fanantonana izay nomaniny ho an'i Mordekay i Hamana. Avy eo dia lefy ny fahatezeran'ny mpanjaka.

8 [1]Tamin'izany andro izany dia nomen'i Ahasoerosy Mpanjaka an'i Estera Mpanjaka vavy ny fananan'i Hamana, ilay fahavalon'ny Jiosy, ary Mordekay nanomboka nanompo teo anatrehan'ny mpanjaka, fa nolazain'i Estera tamin'ny mpanjaka ny fomba nifandraisan'i Mordekay taminy. [2]Nesorin'ny mpanjaka ny peratra tombo-kaseny, izay nalainy indray tamin'i Hamana, ary natolony an'i Mordekay izany. Nanendry an'i Mordekay ho mpiandraikitra ny fananan'i Hamana i Estera.
[3]Dia niresaka tamin'ny mpanjaka indray i Estera. Niankohoka tamin'ny tany izy ka nitomany raha niangavy taminy ny mba hanafoanana ny hevi-dratsin'i Hamana ilay Agagita, amin'ny tetika izay noheveriny hanoherana ireo Jiosy. [4]Dia nanondro an'i Estera tamin'ny tehina volamena ny mpanjaka, dia niarina izy ary nijoro nanoloana ny mpanjaka.
[5]Hoy izy hoe: "Raha sitraky ny mpanjaka, ary raha nahita fitia teo imasonao aho, raha marina eo anatrehan'ny mpanjaka izany, ary mahita sitraka eo imasonao aho, dia aoka ho soratana ny didy mba hanafoanana ireo taratasy nosoratan'i Hamana zanak'i Hamedata Agagita, ireo taratasy izay nosoratany mba hamono ireo Jiosy izay any amin'ireo faritanin'ny mpanjaka rehetra. [6]Fa hataoko ahoana no fijery ny loza miantraika amin'ny vahoakako? Hataoko ahoana ny haharitra hijery ny fandringanana ireo havako?"
[7]Niteny tamin'i Estera mpanjaka sy tamin'i Mordekay ilay Jiosy i Ahasoerosy mpanjaka hoe: "Indro, efa nomeko an'i Estera ny tranon'i Hamana, ary nahanton'izy ireo tamin'ny hazo fanantonana izy, satria nandeha nanafika ireo Jiosy.
[8]Manoràta didy hafa amin'ny anaran'ny mpanjaka ho an'ireo Jiosy ka tomboy amin'ny peratry ny mpanjaka izany. Fa ny didy izay efa voasoratra tamin'ny anaran'ny mpanjaka ary voatomboka tamin'ny peratry ny mpanjaka dia tsy afaka foanana."
[9]Dia voaantso ireo mpanora-dalànan'ny mpanjaka tamin'izany fotoana izany, tamin'ny volana fahatelo, izay volan'ny Sivàna, tamin'ny andro fahatelo amby roa-polon'ny volana. Ny didy voasoratra dia mirakitra izay rehetra nandidian'i Mordekay mahakasika ireo Jiosy. Izany dia nosoratana ho an'ireo governoram-paritra, ireo governora sy manam-boninahitry ny faritra izay hatreo India ka hatrany Etiopia, faritany 127, ho an'ny isam-paritany nosoratana araka ny fiteniny avy, ary ho an'ireo Jiosy amin'ny soratra sy fitenin'izy ireo.
[10]Nanoratra tamin'ny anaran'i Ahasoerosy Mpanjaka i Mordekay ary nanomboka izany tamin'ny peratra fitomboan-kasen'ny mpanjaka. Ny taratasy dia nalefany tamin'ny alalan'ny iraka mitaingin-tsoavaly haingam-pandeha izay nampiasaina ho amin'ny fanompoana ny mpanjaka, nalaina tao amin'ny tranon-tsoavalin'ny mpanjaka. [11]Nanome fahefana ireo Jiosy isaky ny tanàna ny mpanjaka mba hiara-hivory sy hiady mba hiarovana ny ain'izy ireo: mba handringanana, mba hamonoana, ary mba hamotehana izay herim-piadiana avy amin'ireo vahoaka na faritany izay mety hanafika azy ireo, ao anatin'izany ireo zaza amam-behivavy, na handrobana ny fananan'izy ireo. [12]Tokony

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

niantraika tamin'ireo faritanin'i Ahasoerosy Mpanjaka rehetra izany, amin'ny andro fahatelo ambin'ny folo amin'ny volana faha-roa ambin'ny folo, izay volan'i Adara.
13 Ny dika mitovy tamin'ny didy dia tokony navoaka ho lalàna sy naseho am-pahibemaso ho an'ireo vahoaka rehetra. Ireo Jiosy dia tokony ho vonona hamaly faty ireo fahavalon'izy ireo. 14 Dia nitaingina ny soavalin'ny mpanjaka izay nampiasaina ho amin'ny fanompoana ny mpanjaka ireo iraka. Nandeha tsy nisy hatak'andro izy ireo. Navoaka avy tao amin'ny lapa tany Sosana ihany koa ny didin'ny mpanjaka.
15 Ary Mordekay niala teo anatrehan'ny mpanjaka nanao akanjo fiandrianana manga sy fotsy, sy satro-boninahitra volamena lehibe ary akanjo lava rongony fotsy madinika volom-parasy, ka dia nihiaka sy nifaly ny tanànan'i Sosana.
16 Nisy hazavana sy haravoana, ary hafaliana sy voninahitra teo amin'ireo Jiosy. 17 Tany amin'ny faritany tsirairay sy tany amin'ny tanàna tsirairay, na taiza na taiza nahatongavan'ny didin'ny mpanjaka, dia nisy hafaliana sy haravoana tamin'ireo Jiosy, fanasàna sy andro fifaliana. Maro tamin'ireo karazan'olona tamin'ny tany no lasa Jiosy, satria nilatsaka teo amin'izy ireo ny tahotran'ireo Jiosy.

9 1 Ary tamin'ny faha-roa ambin'ny folon'ny volana, izay volan'i Adara, tamin'ny andro faha-telo ambin'ny folo, rehefa mby hanatanteraka ny làlana sy didin'ny mpanjaka, tamin'ny andro izay nanantenain'ireo fahavalon'ny Jiosy hahazoany fahefana amin'izy ireo, dia nitsimbadika izany. Ny Jiosy no nanam-pahefana tamin'ireo izay nankahala azy ireo. 2 Dia niangona tao an-tanànany ireo Jiosy nanerana ireo faritany rehetran'i Ahasoerosy mpanjaka, mba hamely ireo izay nikasa hampidi-doza azy ireo. Koa tsy nisy afaka nijoro hanohitra azy ireo, satria efa nilatsaka tamin'ireo vahoaka rehetra ny tahotra azy ireo.
3 Ireo mpanapaka ny faritany rehetra, ireo governoram-paritany, ireo governora, ary ireo mpanao raharahan'ny mpanjaka, dia nanampy ny Jiosy satria efa nilatsaka teo amin'izy ireo ny tahotra an'i Mordekay. 4 Fa lehibe i Mordekay tao an-tranon'ny mpanjaka, ary niely nanerana ny faritany rehetra ny lazany, fa efa tonga lehibe ilay lehilahy Mordekay. 5 Dia namely ireo fahavalony tamin'ny sabatra ny Jiosy, namono sy nandringana azy ireo, ary nanao arak'izay sitrak'izy ireo tamin'ireo izay nankahala azy.
6 Nahafaty sy naharingana olona dimanjato izy ireo tao amin'ny fiarovana mafin'i Sosana. 7 Novonoin'izy ireo i Parsandata, Dalfona, Aspata, 8 Porata, Adalia, 9 Parmasta, Arisay, Ariday, Vaizata 10 ary ireo zanaka lahy folon'i Hamana zanak'i Hamedota, ilay fahavalon'ny Jiosy. Nefa tsy nandroba fananana izy ireo.
11 Androtr'izay ihany dia notaterina tany amin'ny mpanjaka, ny isan'ireo izay maty tany amin'ny fiarovana mafin'i Sosana.
12 Dia hoy ny mpanjaka tamin'i Estera mpanjaka vavy hoe: "Nahafaty olona dimanjato tao amin'ny fiarovana mafin'i Sosana ny Jiosy, anisan'izany ireo zanaka lahin'i Hamana folo. Dia inona izany no nataon'izy ireo tamin'ireo faritanin'ny mpanjaka sisa? Koa ankehitriny inona no ilainao? Homena anao izany. Inona no fangatahanao? Homena anao izany."
13 Dia hoy Estera hoe: "Raha sitraky ny mpanjaka, dia aoka ny Jiosy izay any Sosana hahazo alalana hanatanteraka ity didy androany ity koa rahampitso, ary aoka ireo fatin'ny zanak'i Hamana folo lahy hahantona amin'ny hazo fanantonana."
14 Dia nandidy mba hanatanterahana izany ny mpanjaka. Ny didy dia nivoaka avy tao Sosana, ary nahanton'izy ireo ny zanak'i Hamana folo lahy.
15 Dia nivondrona ireo Jiosy rehetra tao Sosana tamin'ny andro faha-efatra ambin'ny folon'ny volan'i Adara, ka nahafaty olona telonjato fanampiny tao Sosana, nefa tsy nandroba fananana. 16 Ireo Jiosy sisa izay tany amin'ireo faritanin'ny mpanjaka kosa dia niaraka mba hiaro ny ain'izy ireo, ka afaka tamin'ireo fahavalony izy ireo ary nahafaty dimy arivo sy fito alina tamin'ireo izay nankahala azy. Nefa tsy mba nikasi-tanana ny harenan'ireo izay novonoiny kosa izy ireo.
17 Tamin'ny fahatelo ambin'ny folon'ny volana Adara no nitrangan'izany. Tamin'ny andro fahaefatra ambin'ny folo kosa dia nitsahatra izy ireo ka nanao izany ho andro fanasana sy firavoravoana. 18 Nefa ireo Jiosy izay tany Sosana niara-niangona tamin'ny andro faha telo ambin'ny folo sy ny faha-efatra ambin'ny folo. Tamin'ny andro fahadimy ambin'ny folo kosa dia nitsahatra izy ireo ka nataony andro fanasana sy firavoravoana izany. 19 Izany no mahatonga ireo Jiosy ao amin'ireo zana-bohitra, izay nanorina ny tranon'izy ireo tany ambanivohitra, mitandrina ny andro faha-efatra ambin'ny folon'ny volana Adara ho andro firavoravoana sy fanasana, ary andro izay hifanoloran'izy ireo fanomezana ara-tsakafo.
20 Dia noraketin'i Mordekay an-tsoratra izany rehetra izany ka nandefa taratasy ho an'ny Jiosy rehetra izay tany amin'ny faritany rehetran'i Ahasoerosy mpanjaka izy, na lavitra na akaiky, 21 handidiana azy ireo hitandrina ny andro fahaefatra ambin'ny folo sy faha dimy ambin'ny folon'ny volana Adara isan-taona. 22 Ireo no andro nafahan'ny Jiosy tamin'ireo fahavalony, sy volana izay nivadian'ny alahelon'izy ireo ho fifaliana, ary fisaonana ho andro firavoravoana. Nataon'izy ireo andro fanasana sy firavoravoana izany, ary fifanomezana ara-tsakafo, sy fanomezana ho an'ny mahantra.
23 Dia notohizan'ny Jiosy ny fankalazana izay efa natombok'izy ireo, anaovana arak'izay nosoratan'i Mordekay.
24 Tamin'izany fotoana izany i Hamana zanaka lahin'i Hamedoda ilay Agagita, ilay fahavalon'ny Jiosy rehetra, dia nanao teti-dratsy hanohitra ny Jiosy mba handringana azy ireo, dia nanipy ny pora izy (na hoe, nanao filokana izy), mba handravana sy handringanana azy ireo. 25 Saingy rehefa tonga teo anatrehan'ny mpanjaka ny toe-draharaha, dia namoaka didy an-taratasy izy fa ny teti-dratsy izay novolavolain'i Hamana hanoherana ny Jiosy dia tokony hatsingerina ho eo an-dohany, ary tokony hahantona amin'ny hazo izy mbamin'ireo zanany lahy.
26 Koa nantsoin'izy ireo hoe Porima ireo andro ireo, avy amin'ny anarana hoe Pora. Noho izay rehetra voasoratra tanatin'izany taratasy izany, sy izay rehetra hitan'izy ireo ary izay nanjo azy ireo, 27 dia neken'ny Jiosy ny fomba amam-

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

panao vaovao iray sy andraikitra. Izany fomba izany dia ho azy ireo, ho an'ireo taranany, sy izay rehetra miaraka amin'izy ireo. Izany dia mba hankalazan'izy ireo izany andro roa izany isan-taona. Hankalaza izany amin'ny fomba manokana amin'ny fotoana mitovy isan-taona izy ireo. [28]Ireo andro ireo dia ho hankalazaina sy ho tandremana isaky ny taranaka mifandimby, isam-pianakaviana, isam-paritra, ary isan-tanàna. Ireo Jiosy ireo sy ny taranany dia tsy hitsahatra ny hitandrina am-pahatokiana ireo andron'ny Porima ireo, mba tsy hanadinoin'izy ireo izany mihitsy.
[29]Estera mpanjaka vavy zanaka vavin'i Abihaila sy i Mordekay ilay Jiosy dia nanoratra tamim-pahefana feno ka nanamafy ity taratasy faharoa momban'i Porima ity.
[30]Taratasy no nalefa tamin'ny Jiosy rehetra tany amin'ireo faritanin'ny fanjakan'i Ahasoerosy 127, nirariana fandriam-pahalemana sy fahamarinana ireo Jiosy. [31]Ireo taratasy ireo dia nanamafy ireo andron'i Porima amin'ireo fotoana izay nanendrena izany, arak'izay nandidian'i Mordekay ilay Jiosy sy i Estera mpanjaka vavy an'ireo Jiosy. Dia neken'ireo Jiosy ho an'ny tenany izany adidy izany sy ho an'ireo taranak'izy ireo, tahak'izay efa naneken'izy ireo ny fotoanan'ny fifadian-kanina sy ny fitomaniana koa. [32]Nanamafy ireo fitsipika momban'i Porima ireo ny didin'i Estera, ary voasoratra tao anatin'ny boky izany.

10 [1]Avy eo Ahasoerosy mpanjaka nampandoa hetra tamin'ny tany sy tamin'ny moron-tsiraky ny ranomasina. [2]Ny zava-bitany rehetra nohon'ny heriny sy ny fahefany, niaraka tamin'ny fitantarana ny fahalehibiazan'i Mordekay izay nanandratan'ny mpanjaka azy, dia voasoratra ao amin'ny bokin'ny tantaran'ny mpanjakan'i Media sy Persia izany.
[3]Mordekay ilay Jiosy no mpanjaka laharana faharoa taorian'i Ahasoerosy mpanjaka. Lehibe teo amin'ireo Jiosy izy ary nalaza teo amin'ireo rahalahin'ny jiosy maro, satria nitady ny hanampiana ny vahoakany izy ary nanonona fiadanana tamin'ny vahoakany rehetra.

Joba

1 [1]Nisy lehilahy iray tao amin'ny tanin'i Oza izay Joba no anarany; ary i Joba dia tsy misy tsiny sady mahitsy, izay natahotra an'Andriamanitra ary nifady ny ratsy. [2]Izy dia nanan-janaka lahy fito sy vavy telo. [3]Izy dia nanana ondry fito arivo, rameva telo arivo, omby lahy sy vavy dimanjato, sy boriky dimanjato ary mpanompo maro be. Izy no lehilahy lehibe indrindra tamin'ireo olona Tatsinana rehetra.
[4]Isaky ny andro voatendry ho an'ny zanany lahy, dia nanao firavoravoana tao an-tranony izy. Izy ireo dia naniraka ka niantso ireo anabaviny telo mba hiaraka hihinana sy hisotro amin'izy ireo. [5]Rehefa nifarana ny firavoravoana, dia nampiantso ary nanamasina azy ireo i Joba. Nifoha maraina be izy ary nanao fanatitra dorana ho an'ireo zanany tsirairay avy, fa hoy izy hoe: "Mety efa nanota na nanozona an'Andriamanitra tany am-pony ireo zanako." Nanao izany foana i Joba.
[6]Ary tamin'izany andro izany dia tonga niseho teo anatrehan'i Yaveh ireo zanak'Andriamanitra. Dia tonga niaraka tamin'izy ireo koa i Satana. [7]Hoy Yaveh tamin'i Satana hoe: "Avy aiza no niavinao?" Ary Satana namaly an'i Yaveh ka nanao hoe: "Avy nirenireny teto an-tany, nivezivezy teo aminy." [8]Hoy Yaveh tamin'i Satana hoe: "Efa nandinika an'i Joba mpanompoko ve ianao? Satria tsy misy toa azy eto ambonin'ny tany, lehilahy tsy misy tsiny sady mahitsy, izay matahotra an'Andriamanitra ary mifady ny ratsy."
[9]Avy eo Satana namaly an'i Yaveh ka niteny hoe: "Matahotra an'Andriamanitra amin'ny tsy misy antony ve i Joba? [10]Tsy nasianao fefy ve manodidina azy, manodidina ny tranony, ary manodidina izay azy rehetra? Efa notahianao ireo asan'ny tanany, ary nitombo ireo biby fiompiny eto amin'ny tany. [11]Fa ankehitriny ahinjiro ny tananao ary kasiho izay rehetra hananany, ary jereo raha tsy manozona Anao eo amin'ny tavanao izy. [12]Hoy Yaveh tamin'i Satana hoe: "Indro, eo am-pelatananao izay rehetra hananany. Fa izy tenany ihany no aza haninjiranao ny tananao." Dia niala teo anatrehan'i Yaveh i Satana.
[13]Ary indray andro, nihinana sy nisotro divay tany an-tranon'ny lahimatoany ireo zanany lahy sy vavy. [14]Nisy mpitondra hafatra iray nanatona an'i Joba ary niteny hoe: "Niasa tany ireo omby ary ireo boriky dia nihinana teo anilan'ireo.
[15]Nanafika azy ireo ireo Sabeana ary nisambotra azy ireo. Raha ny amin'ireo mpanompo, dia novelesin'izy ireo tamin'ny lelan-tsabatra. Izaho irery no tafatsoaka mba hampandre anao."
[16]Raha mbola niteny iny izy, dia nisy iray hafa koa tonga ary niteny hoe: "Nilatsaka avy tany an-danitra ny afon'Andriamanitra ary nandoro ireo ondry sy ireo mpanompo. Izaho irery no tafatsoaka mba hampandre anao." [17]Raha mbola niteny iny izy, dia nisy iray hafa koa tonga ary niteny hoe: "Nizara vondrona telo ireo Kaldeana ka nanafika ireo rameva, ary nisambotra ireo. Raha ny amin'ireo mpanompo, dia novelesin'izy ireo tamin'ny lelan-tsabatra. Izaho irery no tafatsoaka mba ampandre anao."
[18]Raha mbola niteny iny izy, dia nisy iray hafa koa tonga ary niteny hoe: "Ireo zanakao lahy sy vavy dia nihinana sy nisotro divay tao an-tranon'ny lahimatoan'izy ireo. [19]Nisy rivotra mahery tonga avy tany an'efitra nikapoka ny zorony efatr'ilay trano. Nilatsaka tamin'ireo zatovo izany, ary dia maty izy ireo. Izaho irery no tafatsoaka mba hampandre anao."
[20]Dia nitsangana i Joba, nandrovitra ny akanjony, nanaratra ny lohany, niankohoka teo amin'ny tany, ary nidera an'Andriamanitra. [21]Hoy izy hoe: "Nitanjaka aho raha nivoaka tao an-kibon'ny reniko, ary hitanjaka aho rehefa hiverina ao. Yaveh no nanome, ary Yaveh no naka. Isaorana anie ny anaran'i Yaveh." [22]Tamin'ireo zava-nitranga rehetra ireo, dia tsy nanota i Joba, na koa niampanga an'Andriamanitra ho nanao ny tsy mety.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

2 [1]Ary tamin'izany andro izany, tonga niseho teo anatrehan'i Yaveh ireo zanak'Andriamanitra. Tonga niaraka tamin'izy ireo hiseho teo anatrehan'i Yaveh ihany koa i Satana. [2]Hoy Yaveh tamin'i Satana hoe: "Tonga avy aiza ianao?" Dia namaly an'i Yaveh i Satana ka nanao hoe: "Avy nirenireny teny an-tany, nivezivezy teny."
[3]Hoy Yaveh tamin'i Satana hoe: "Moa ve efa nandinika an'i Joba mpanompoko Ianao? Satria tsy misy na iray aza eto an-tany ka mitovy aminy, lehilahy tsy misy tsiny sady marina, matahotra an'Andriamanitra ary mifady ny ratsy. Mbola mihazona ny fahitsiany hatrany izy, na dia efa namily lalana Ahy hanohitra azy aza ianao, mba hamotika azy tsy amin'ny antony."
[4]Satana namaly an'i Yaveh ka nanao hoe: "Hoditra takalon'ny hoditra; eny tokoa; ny olona dia hanome izay rehetra hananany ho takalon'ny ainy. [5]Fa ahinjiro ny tananao izao ary kasiho ny taolany sy ny nofony, dia jereo raha tsy hanozona anao eo amin'ny tavanao izy." [6]Hoy Yaveh tamin'i Satana hoe: "Indro, eo am-pelatananao izy; ny ainy ihany no aoka harovanao."
[7]Dia lasa Satana niala teo amin'ny fanatrehan'i Yaveh. Namely vay ratsy an'i Joba hatreny am-paladia ka hatreny an-tampon-doha izy. [8]Naka vakim-bilany vita tamin'ny tanimanga i Joba hihaokaorany ny vatany, ary nipetraka teo afovoan'ny lavenona izy.
[9]Dia hoy ny vadiny taminy hoe: "Mbola mihazona ny fahitsinao ihany ve ianao? Ozony Andriamanitra ary matesa." [10]Fa hoy izy taminy hoe: "Miresaka toy ny firesaky ny vehivavy adala ianao. Ny tsara ihany ve no tokony ho raisintsika avy amin'Andriamanitra ka tsy ho raisina ny ratsy?" Noho izany rehetra izany, dia tsy nanota tamin'ny molony i Joba.
[11]Ary rehefa nandre ny ratsy rehetra nanjo azy ireo naman'i Joba telo, dia samy tonga avy any amin'ny toerany avy izy ireo: Elifaza ilay Temanita, Bildada ilay Sohita, ary Zofara ilay Namatita. Nanokana fotoana izy ireo mba hiarahana ory aminy sy hampaherezana azy.
[12]Rehefa nitazana avy eny lavitra izy ireo, dia tsy nahafantatra azy. Nanandratra ny feony izy ireo ary nitomany; samy nandrovitra ny akanjony ary namafy vovoka teny amin'ny rivotra sy teo amin'ny lohany ihany ny tsirairay. [13]Avy eo dia nipetraka tamin'ny tany niaraka taminy izy ireo nandritry ny fito andro sy fito alina. Tsy nisy niresaka taminy izy ireo, satria hitan'izy ireo fa tena lehibe tokoa ny alahelony.

3 [1]Taorian'izany, nanokatra ny vavany i Joba ary nanozona ny andro nahaterahany. [2]Hoy izy hoe: [3]"Ho foana anie ny andro ny nahaterahako, ny alina izay nanao hoe: "Misy zazalahy vao torontoronina.'
[4]Ho maizina anie izany andro izany; tsy ho tsaroan'Andriamanitra avy any ambony anie izany, na hamirapiratra amin'izany ny masoandro. [5]Ny aizina sy ny aloky ny fahafatesana anie hilaza izany ho azy ireo manokana. Honina eo amin'izany anie ny rahona; ny zavatra rehetra izay mahatonga ny andro ho mainty anie hampihorohoro izany tokoa.
[6]Ny amin'izany alina izany, hisambotra izany anie ny aizim-pito. Tsy hifaly eo amin'ny andron'ny taona anie izany; tsy ho tonga amin'ny isan'ny volana anie izany. [7]Indro, ho momba anie izany alina izany; tsy hisy feom-pifaliana anie ho tonga ao amin'izany.
[8]Hanozona izany andro izany anie izy ireo, izy ireo izay mahalala ny fomba hamohazana ny Leviatana. [9]Ho maizina anie ireo kintan'ny andro vao mangiran-dratsin'izany. Hitady fahazavana anie izany andro izany, saingy tsy hahita; na hahita ireo hodi-mason'ny vao mangiran-dratsy, [10]satria tsy nanidy ny varavaran'ny kibon'ny reniko izany, ary satria tsy nanafina ireo fahoriana tsy ho eo imasoko izany.
[11]Nahoana re aho no tsy maty rehefa nivoka avy tao an-kibo? Nahoana aho no tsy nandao ny fanahiko raha niteraka ahy ny reniko? [12]Nahoana no nitsena ahy ireo lohaliny? Nahoana no nandray ahy ireo nonony mba hahafahako mitsetsitra?
[13]Fa tahaka izay aho efa nandry am-pilaminana. Natory aho ary nitsahatra [14]niaraka tamin'ireo mpanjaka sy ireo mpanolo-tsain'ny tany, izay nanorina ireo fasana ho an'ny tenan'izy ireo izay efa rava ankehitriny.
[15]Na efa nodimandry niaraka tamin'ireo andriandahy izay nanana volamena fahizay aho, izay nameno ireo tranony tamin'ny volafotsy. [16]Na mety ho teraka tsy tonga volana aho, toy ireo zaza izay tsy mbola nahita ny hazavana mihitsy.
[17]Any no mitsahatra amin'ny fahoriana ny ratsy fanahy; any no mitsahatra ny reraka. [18]Any ireo voafonja dia hiaraka hitony; tsy mandre ny feon'ny mpampiasa izy ireo. [19]Samy any ny olona kely sy lehibe; ny mpanompo dia afaka amin'ny tompony any.
[20]Nahoana ny fahazavana no omena azy izay ao anatin'ny fahoriana? Nahoana ny fiainana no omena an'izay mangidy fanahy, [21]ho an'ny iray izay miandry fatratra ny fahafatesana izay tsy ho avy; ho an'ny iray izay mihady fahafatesana mihoatra noho ny harena miafina? [22]Nahoana ny fahazavana no omena ho an'ny iray izay feno hafaliana ary ravoravo rehefa hitany ny fasana?
[23]Nahoana ny fahazavana no omena ho an'ny olona iray izay miafina ny lalany, olona iray izay voafehin'Andriamanitra tao? [24]Fa ny fisentoko dia miseho raha tokony hihinana; miraraka toy ny rano ny fitarainako.
[25]Fa ny zavatra izay natahorako dia tonga teo amiko; izay nampatahotra ahy dia tonga tamiko. [26]Tsy milamina aho, tsy mangina aho, ary tsy manana fitsaharana aho; ny fahoriana indray no tonga."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

4 [1]Dia namaly i Elifaza ilay Temanita ka nanao hoe: [2]"Raha misy olona manandrana miresaka aminao, dia tsy haharitra
ve ianao? Nefa iza no afaka handrara ny tenany tsy hiteny? [3]Indro, maro ireo efa nampianarinao; efa nampatanjaka ny
tanana malemy ianao.
[4]Nihazona izay nianjera ireo teninao; efa nohamafisinao ny malemy lohalika. [5]Kanefa izao tonga aminao ny fahoriana,
ary ketraka ianao; mikasika anao izany, ary ory ianao. [6]Moa tsy ny fahatahoranao no tokinao, ary ny fahitsian'ny lalanao
no fanantenanao?
[7]Mba saino re izao: iza no efa ringana tsy nanan-tsiny? Na oviana ireo olo-marina no nopotehina? [8]Araka izay efa hitako,
ireo izay mamboly heloka sy mamafy olana no mijinja izany. [9]Amin'ny alalan'ny fofonain'Andriamanitra no haharingana
azy ireo; amin'ny fipoahan'ny hatezerany no hahalevona azy ireo.
[10]Ny fieron'ny liona, ny feon'ny liona masiaka, ireo nifin'ny liona tanora—potika ireo. [11]Ringana ny liona antitra nohon'ny
tsy fahampian'ireo haza, ireo zanaky ny liona vavy dia miparitaka eny rehetra eny.
[12]Nisy raharaha nentina mangingina teto amiko, ary nahare bitsika momba izany ny sofiko. [13]Dia nisy eritreritra tonga
avy tamin'ny fahitanna amin'ny alina, rehefa tafalatsaka tamin'ny olona ny torimaso lalina.
[14]Tanaty alina no nahatongavan'ny tahotra sy horohoro tamiko, ary nangovitra ny taolako rehetra. [15]Ary nisy fanahy
nandalo teo anoloan'ny tavako, ary nitsangana ny volo tamin'ny vatako.
[16]Nijanona ilay fanahy, saingy tsy nety voafaritro ny endriny. Endrika iray no teo anoloan'ny masoko; nisy fahanginana,
ary nahare feo aho nanao hoe: [17]"Afaka ny ho marina kokoa noho Andriamanitra ve ny olona mety maty? Afaka ny ho
madio noho ny Mpamorona azy ve ny olona iray?
[18]Indro, raha tsy mametraka fitokisana amin'ireo mpanompony Andriamanitra; raha miampanga ireo anjeliny nohon'ny
fahadalana Izy, [19]hatraiza ny fahamarinan'ireo izay monina anaty trano vita amin'ny tanimanga, izay ao amin'ny vovoka
ny fototra iorenany, izay potika mialohan'ny kalalao?
[20]Potehina eo anelanelan'ny maraina sy hariva izy ireo; ringana mandrakizay tsy misy mahatsikaritra akory izy ireo. [21]Tsy
voaongotra tamin'izy ireo ve ny tadin-dain'izy ireo? Maty izy ireo; maty tsy misy fahendrena izy ireo.

5 [1]Miantsoa mafy ankehitriny; hisy olona hamaly anao ve? Iza amin'ireo masina no hitodihanao? [2]Satria ny hatezerana
no mamono ny olona adala; ny fialonana mamono ny ketrina. [3]Efa nahita olona adala nahazo faka aho, fa tampoka teo
dia nozoniko ny tokantranony.
[4]Ny zanany dia lavitry ny filaminana; voatorotoro ao amin'ny vavahadin'ny tanàna izy ireo. Tsy misy olona hamonjy azy
ireo. [5]Ny noana no mihinana ny vokatr'izy ireo; alain'izy ireo amin'ireo avy eny amin'ny tsilo mihitsy aza izany. Ny
mangetaheta misanasana vava amin'ny haren'izy ireo.
[6]Satria ireo ady sarotra dia tsy mivoaka avy ao amin'ny tany; na ny fahoriana mitsimoka avy amin'ny tany. [7]Fa kosa, ny
olombelona dia teraka ho an'ny fahoriana, tahaka ny pitik'afo manidina miakatra.
[8]Fa raha ny amiko, dia hitodika amin'Andriamanitra aho; Aminy aho no hametraka ny adiko— [9]Izy izay manao zavatra
lehibe sy tsy takatry ny saina, zavatra mahatalanjona tsy hita isa. [10]Manome orana ny tany Izy, ary mandefa rano
amin'ireo saha.
[11]Manao izany Izy mba hametrahana amin'ny avo ireo izay iva; mba hanandratana ny malahelo ho amin'ny filaminana.
[12]Nandrava ny fikasan'ireo olona fetsy Izy, mba tsy hahomby ny tanan'izy ireo. [13]Mamandrika ny olona hendry amin'ny
asa an-kafetsen'izy ireo Izy; ny tetiky ny olona ratsy fanahy dia miafara faingana.
[14]Mihaona amin'ny aizina izy ireo amin'ny atoandro, ary mitsapatsapa amin'ny mitatao vovonana toy ny amin'ny alina.
[15]Kanefa manavotra ny olona mahantra tsy ho amin'ny sabatry ny vavan'izy ireo ary ireo olona ory tsy amin'ny tanan'ny
olona mahery izy. [16]Koa manam-panantenana ireo mahantra, ary ny tsy fahamarinana nampangina ny vavany ihany.
[17]Indro, voatahy ny olona izay hahitsin'Andriamanitra; noho izany, aza atao tsinontsinona ny famaizan'ilay Tsitoha. [18]Fa
mandratra Izy ary avy eo mamehy ny ratra; mandratra Izy ary avy eo ny tanany no manasitrana. [19]Hanavotra anao
amin'ireo fahoriana enina Izy; eny tokoa, amin'ireo fahoriana fito, tsy hisy ratsy hikasika anao.
[20]Amin'ny mosary dia hanavotra anao amin'ny fahafatesana Izy, ary amin'ny tanan'ny sabatra amin'ny ady. [21]Ho afenina
amin'ny lozan'ny teny ianao; ary tsy hatahotra ny faharavana ianao rehefa tonga izany. [22]Hihomehy ny faharavana sy ny
mosary ianao, ary tsy hatahotra ireo bibidian'ny tany.
[23]Satria hanana fanekena amin'ireo vato ao an-tsahanao ianao, ary ireo bibin'ny saha dia hihavana aminao. [24]Ho fantatrao
fa voaaro ny lainao, hitsidika ny valan'ondrinao ianao ary tsy ho ory na inona na inona. [25]Ho fantatrao ihany koa fa ho
lehibe ny voanao, fa ho tahaka ny ahitra eny amin'ny tany ny zanakao.
[26]Ho any am-pasana ianao rehefa voky taona, tahaka ny isan'amboaram-bary izay miakatra amin'izany fotoana izany.
[27]Indro, efa nodinihanay izany raharaha izany; tahaka izao izany; henoy izany, ary fantaro ho an'ny tenanao."

6 [1]Dia namaly Joba ka niteny hoe: [2]"Eh, raha mba voalanja mantsy ny fangirifiriko; raha mba natao teo amin'ny mizana
avokoa mantsy ny loza nanjo ahy rehetra! [3]Fa ankehitriny dia mavesatra kokoa noho ny fasi-dranomasina izany. Ka
izany no mahatonga ireo teniko tsy am-piheverana.
[4]Fa ny zana-tsipìkan'ny Tsitoha dia ato amiko, misotro poizina ny fanahiko; ireo fampihorohoroan'Andriamanitra dia
milahatra hanohitra ahy. [5]Maneno fatratra ve ny ampondra-dia raha manana ahitra? Na ny omby hitrena nohon'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hanoanana raha manam-bilona? [6]Ary izay tsy misy tsiro ve azo hohanina raha tsy misy sira? Na misy tsirony ve ny tapotsin'atody?
[7]Mandà ny hikasika ireo aho; tahaka ny sakafo maharikoriko ahy ireo. [8]Eh, enga anie ka ho azoko ny fangatahako; eh, enga anie ka homen'Andriamanitra ahy ny zavatra izay iriko mafy: [9]mba ho sitrak'Andriamanitra ny hanorotoro ahy indray mandeha, ka haninjtra ny tanany ary hanala ahy amin'ity fiainana ity Izy!
[10]Aoka ho mbola fiononako izao— na dia mifaly ao amin'ny fanaintainana izay tsy mihena aza aho: fa tsy nandà ny tenin'ilay Iray Masina aho. [11]Inona moa no heriko, no mbola tokony hiezaka hiandry ihany aho? Inona no hiafarako, no tokony ho halavaiko ny androko?
[12]Herim-bato ve ny heriko? Na vita amin'ny varahina ve ny nofoko? [13]Tsy marina ve fa tsy misy fanampiana intsony ao amin'ny tenako, ary izany fahendrena izany efa nesorina tamiko?
[14]Ho an'ny olona izay efa ho ketraka, ny fahatokiana no tokony hasehon'ny namany; na dia amin'izay nahafoy ny fahatahorana ny Tsitoha aza. [15]Fa ireo rahalahiko dia nahatoky tamiko tahaka ny ranotrambo any an'efitra, tahaka ny lakan-drano izay mandalo fotsiny ihany, [16]izay maizina nohon'ny ranomandry ao amin'izy ireo, ary tahaka ny oram-panala izay manafina ny tenany ao amin'izy ireo. [17]Ary rehefa levona izy ireo, dia manjavona; rehefa mafana, dia mitsonika am-pitoerana.
[18]Ny rodobe izay mandeha amin'ny lalany dia nivily hitady rano; mirenireny eny an-tany tsy mamokatra izy ireny ka dia ringana. [19]Ny rodobe avy any Tema dia nitazana teny, raha nanantena azy ireo ny antokon'i Sheba. [20]Diso fanantenana izy ireo nohon'ny fahatokiany fa hahita rano. Nandeha tany izy ireo, kanefa voafitaka.
[21]Fa ankehitriny ianareo namako dia tsinontsinona amiko; mahita ny zavatra mahatsiravina nanjo ahy ianareo ka matahotra. [22]Niteny taminareo ve aho hoe: 'omeo zavatra aho?' Na hoe: 'Hanolory fanomezana avy amin'ny harenareo aho?' [23]Na hoe: 'Avoty amin'ny tanan'ireo fahavaloko aho?' Na hoe: 'Afaho amin'ny tanan'ireo mpampahory ahy aho?'
[24]Ampianaro aho, dia ho tazoniko ny fahanginako; ataovy izay hahatakarako hoe taiza no nahadiso ahy. [25]Endrey ny hararin'ny teny marina! Kanefa ny fandresen-dahatrareo, ahoana ny tena hananaran'ireo ahy?
[26]Mikasa ny hanao tsinontsinona ny teniko ve ianareo, manao ny tenin'ny olona mamoy fo ho toy ny rivotra? [27]Eny tokoa, miloka ny zaza kamboty ray ianareo, ary miady varotra amin'ny namanareo toy ny entam-barotra.
[28]Koa ankehitriny, mba jereo re aho, fa tena tsy mba handainga eo anatrehan'ny tavanareo aho. [29]Mitsahara, mitalaho aminareo aho; aoka tsy hisy tsy fahamarinana eo aminareo; eny tokoa, mitsahara, fa marina ny adiko. [30]Misy faharatsiana ve eo amin'ny lelako? Tsy afaka mamantatra ny zava-dratsy ve ny vavako?

7 [1]Moa ve ny olona tsy manana asa mafy eto an-tany? Moa ve ny androny tsy mitovy amin'ny andron'ny lehilahy iray nokaramaina? [2]Toy ny andevo iray maniry fatratra ny aloky ny hariva, toy ny lehilahy iray mitady ny karamany— [3]koa dia natao mba hiaritra ny volan'ny fahoriana aho; efa nomena alina feno fikorontanana aho.
[4]Rehefa mandry aho, dia milaza amin'ny tenako hoe: 'Rahoviana aho no hifoha ary rahoviana ny alina no ho lasa?' Nivadibadika ambony ambany aho mandra-parainan'ny andro. [5]Nitafy kankana sy baingan-tany ny nofoko; maina ny fery tamin'ny hoditro ary avy eo dia afaka ary miverina indray.
[6]Haingam-pandeha noho ny famahanan-tenona ny androko; mandalo tsy misy fanantenana ireo. [7]Ry Andriamanitra, tsarovy fa ny fiainako dia fofonaina iray ihany; tsy hahita soa intsony ny masoko.
[8]Ny mason'Andriamanitra, izay mahita ahy, dia tsy hahita ahy intsony; ny mason'Andriamanitra dia ho eo amiko, saingy tsy hisy aho. [9]Tahaka ny rahona levona sy mihelina, dia toy izany koa no tsy hiakaran'izay midina any amin'ny Fiainan-tsy hita intsony. [10]Tsy hiverina any an-tranony intsony izy; na ny fonenany aza tsy hahalala azy intsony.
[11]Noho izany tsy hanakombona ny vavako aho; fa hiteny amin'ny fangirifirian'ny fanahiko; hitaraina amin'ny fangidian'ny fanahiko aho. [12]Moa ve ranomasina aho na biby masiaka an-dranomasina no asinao fiambenana eo amiko?
[13]Rehefa milaza aho hoe: 'Hampionona ahy ny farafarako, ary ny fandriako hampitony ny fitarainako,' [14]dia mampatahotra ahy amin'ny nofy sy mampihorohoro ahy amin'ny alalan'ny fahitana Ianao, [15]mba hisafidianako ny fanakendana sy ny fahafatesana toy izay miaro ireto taolako ireto.
[16]Halako ny fiainako; tsy maniry ny ho velona lalandava aho; avelao irery aho fa tsy misy dikany ny androko. [17]Inona moa ny olona no tokony hiahianao, no tokony ho rarahianao, [18]no tokony ho dinihanao isa-maraina sy tsapainao amin'ny fotoana rehetra?
[19]Mandra-pahoviana izany mialohan'ny hialanao amiko, mialohan'ny hamelanao ahy irery ampy hitelomako ny iviko?
[20]Na dia nanota aza aho, dia ho inonao moa izany, Ianao izay mandinika ny olona? Nahoana Ianao no nikendry ahy, mba ho enta-mavesatra ho anao?
[21]Nahoana Ianao no tsy mamela ny hadisoako sy manala ny heloko? Fa ankehitriny aho dia handry amin'ny vovoka; hitady ahy fatratra Ianao, fa tsy hisy aho."

8 [1]Dia namaly Bildada ilay Sohita ka niteny hoe: [2]"Mandra-pahoviana no hiteny ireo zavatra ireo ianao? Mandra-pahoviana ny teny aloaky ny molotrao no ho lasa rivotra mahery? [3]Mamadika ny rariny ve Andriamanitra? Mamadika ny fahamarinana ve ny Tsitoha?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Efa nanota taminy ny zanakao; fantatsika izany, fa nomeny teo an-tanan'ny fahotany izy ireo. [5]Hevero fa nitady an'Andriamanitra mafy ianao ary nampiseho ny fangatahanao tamin'ilay Tsitoha.
[6]Raha madio sy mahitsy ianao, dia azo antoka fa hiambina anao Izy ary hamerina anao eo amin'ny toeran'ny fahamarinanao. [7]Ka na dia kely aza no niandohanao, dia ho lehibe indrindra no hiafaranao.
[8]Anontanio re ireo taranaka teo aloha, ary fantaro izay nianaran'ny razambenao. [9](Fa isika dia vao teraka omaly ary tsy mahalala na inona na inona satria aloka ny andrantsika ety an-tany). [10]Tsy hampianatra anao ve izy ireo ka hilaza aminao? Tsy hiteny ireo teny avy ao am-pony ve izy ireo?
[11]Afaka mitombo ve ny zozoro raha tsy misy ketsaketsa? Afaka mitombo ve ny volotara raha tsy misy rano? [12]Raha mbola maitso sy tsy voakapa izy ireo, dia malazo alohan'ny zava-maniry hafa.
[13]Toy izany koa ny lalan'ireo rehetra izay manadino an'Andriamanitra, ho levona ny fanantenan'ny mpaniratsira. [14]Hiala ny tokiny, ary ny fahatokiany dia marefo toy ny tranon-kala. [15]Hitehina amin'ny tranony izy, fa tsy hanohana azy izany; hihazona izany izy, nefa tsy hahazaka izany.
[16]Eo ambanin'ny masoandro dia maitso izy, ary ny sampany mivoaka eo amin'ny zaridainany manontolo. [17]Ny fakany dia voafono korotam-bato; mitady toerana tsara eo amin'ny vato izy ireo. [18]Fa raha nopotehina hiala amin'ny toerany izany olona izany, dia handà azy izany toerana izany ka hiteny hoe: 'Tsy mbola nahita anao mihitsy aho.'
[19]Indro, izany ny "fifalian'ny" fitondran-tenan'ny olona toy izany; ary hisy zava-maniry hafa hitsimoka eo amin'ny nofon-tany mitovy eo amin'ny toerany. [20]Indro, Andriamanitra tsy hanary lehilahy iray tsy manan-tsiny; na hitantana ny tanan'ny mpanao ratsy
[21]Mbola ho fenoiny fiomehezana ihany ny vavanao, sy fihobiana ny molotrao. [22]Ireo izay mankahala anao dia hitafy henatra; ary tsy hisy intsony ny lain'ny ratsy fanahy."

9 [1]Ary dia namaly Joba ka niteny hoe: [2]"Fantatro marina fa izany tokoa no izy. Fa ahoana no ahafahan'ny olona iray ho marina amin'Andriamanitra? [3]Raha te-hiady hevitra amin'Andriamanitra izy, tsy afaka hamaly Azy indray mandeha amin'ny arivo izy.
[4]Andriamanitra dia hendry am-po ary matanjaka amin'ny heriny; iza no efa nanamafy ny tenany hanohitra Azy ka nahomby? — [5]Izy izay mamindra ny tendrombohitra ka tsy mampitandrina na iza na iza rehefa mamadika ireo amin'ny fahatezerany Izy— [6]Izy izay manozongozona ny tany hiala eo amin'ny toerany ary mampihovitrovitra ny andriny.
[7]Izany Andriamanitra izany ihany no miteny ny masoandro tsy hiposaka, ary tsy miposaka izany, ary ilay manarona ireo kintana, [8]izay Izy tenany no mamelatra ny lanitra ary manosiosy ny onjan-dranomasina, [9]izay manao ny Bera, Telonohorefy, Ikotokelimiadilaona, ary ireo kintana any Atsimo.
[10]Izany Andriamanitra izany ihany no manao zavatra lehibe, zavatra tsy takatry ny saina—zava-mahagaga tsy hita isa.
[11]Indro, mandeha eto anilako Izy, nefa tsy hitako; mandalo ihany koa Izy, nefa tsy fantatro. [12]Raha manaisotra zavatra Izy, iza no hahasakana Azy? Iza no afaka hiteny aminy hoe: 'Inona ity ataonao?'
[13]Andriamanitra tsy hanala ny fahatezarany; ireo mpanampy an-dRahaba aza miondrika eo ambaniny. [14]Koa mainka fa ahoana no hahafahako mamaly azy, hahafahako misafidy teny halahatra aminy? [15]Na dia marina aza aho, dia tsy afaka ny hamaly azy; mitalaho famindram-po amin'ny mpitsarako ihany no azoko atao.
[16]Na dia niantso aza aho ary namaly ahy Izy, tsy nino aho hoe nihaino ny feoko Izy. [17]Satria mandrava ahy amin'ny tafio-drivotra ary manamaro ny feriko amin'ny tsy misy antony Izy. [18]Tsy mamela ahy hiaina akory Izy; fa kosa, fenoiny zava-mangidy aho.
[19]Raha resaka tanjaka, indro!, mahery Izy! Raha resaka fitsaràna iza no afaka hampiantso Azy? [20]Na dia amin'ny marina aza aho, ny vavako ihany no hiampanga ahy; ary na dia tsy manan-tsiny aza aho, ireo teniko hanaporofo ahy fa meloka aho.
[21]Tsy manan-tsiny aho, kanefa tsy rarahiako intsony ny momba tenako; ataoko tsinontsinona ny fiainako. [22]Tsy manova zavatra izany, ka izany no itenenako hoe haringany miaraka ny olona tsy misy tsiny sy ny olona ratsy fanahy. [23]Raha hamono tampoka ny areti-mandringana, dia hihomehy ny amin'ny fahorian'ny olona tsy manan-tsiny Izy. [24]Nomena teo an-tanan'ny olona ratsy fanahy ny tany; Andriamanitra manarona ireo tavan'ny mpitsara izany. Fa raha tsy Izy no manao izany, dia iza ary?
[25]Ny androko dia haingam-pandeha noho ny mpitondra hafatra mihazakazaka; ny androko dia mihelina; ka tsy misy tsara hitan'ireo na aiza na aiza. [26]Haingam-pandeha tahaka ny lakan-jozoro ireny, ary haingam-pandeha tahaka ny voromahery mipaoka ny hazany.
[27]Raha niteny aho hoe hanadino ireo fitarainako aho, hanala ny endrika malaheloko aho ka ho faly, [28]dia hatahotra ny alaheloko rehetra aho satria fantatro fa tsy hihevitra ahy ho tsy manan-tsiny Ianao. [29]Ho melohina aho; ka nahoana ary aho no tokony hiezaka tsy amin'ny antony?
[30]Raha nanasa ny tenako tamin'ny ranon'oram-panala aho ary nanao ny tanako madio tsy nisy toy izany, [31]dia handroboka ahy any an-kady Andriamanitra, ary ny ankanjoko dia ho rikoriko ny amiko.
[32]Fa tsy olona tahaka ahy Andriamanitra, ka afaka hamaly Azy aho, ka hiaraka tonga eo amin'ny fitsaràna izahay. [33]Tsy misy mpitsara eo anelanelanay mba hametraka ny tanany aminay roa.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[34]Tsy misy mpitsara hafa afaka manala ny tsorakazon'Andriamanitra amiko, izay afaka mitazona ny horohorony tsy hampatahotra ahy. [35]Dia hiteny mafy aho ary tsy hatahotra Azy. Kanefa amin'izao zava-misy izao, dia tsy afaka hanao izany aho.

10 [1]Sasatra ny miaina aho; haneho malalaka ny fitarainako aho; hiresaka amin'ny fangidian'ny fanahiko aho. [2]Hilaza amin'Andriamanitra aho hoe: 'Aza manameloka ahy fotsiny ihany; asehoy ahy ny antony hiampanganao ahy. [3]Mety aminao ve ny mampahory ahy, ny manao tsinontsinona ny asan'ny tananao eo am-pitsikiana amin'ireo tetiky ny ratsy fanahy?
[4]Manana maso-nofo ve Ianao? Mahita toy ny fahitan'ny olona ve Ianao? [5]Moa ireo andronao ve toy ny andron'ny olombelona na ny taonanao toy ireo taonan'ny olona, [6]no karohinao ny heloko ary henjehinao ny fahotako, [7]na dia fantatrao aza fa tsy meloka aho ary tsy misy olona afaka hanavotra ahy eo am-pelatananao?
[8]Ny tananao no namolavola sy nanamboatra ahy manontolo, nefa potehinao ihany aho. [9]Tsarovy, mitalaho aminao aho, fa namolavola ahy toy ny tanimanga Ianao; dia ho averinao ho vovoka indray ve aho?
[10]Moa tsy efa nandraraka ahy toy ny ronono sy nampandry ahy toy fromazy ve ianao? [11]Notafianao tamin'ny hoditra sy nofo aho ary nampiraisinao tamin'ny taolana sy ozatra.
[12]Nomenao fiainana sy fanekena mahatoky aho; niambina ny fanahiko ny fiahianao. [13]Nefa ireo zavatra izay nafeninao tao am-ponao—dia fantatro fa izao no noeritreretinao: [14]raha manota aho, dia ho tsikaritrao izany; tsy hanafaka ahy amin'ny heloko Ianao.
[15]Raha ratsy fanahy aho, dia loza ho ahy; na dia marina aza aho, dia tsy afaka hanandratra ny lohako, satria feno fahamenarana aho ary mijery ny fijaliako manokana. [16]Raha miandrandra ny lohako, dia hihaza ahy tahaka ny liona ianao; mampiseho ny tenanao ho mahery amiko indray Ianao.
[17]Mitondra vavolombelona vaovao manohitra ahy Ianao ary mampitombo ny hatezeranao amiko; manafika ahy amin'ny tafika vaovao Ianao.
[18]Nahoana ary, no navoakanao avy tao am-bohoka aho? Naleoko nanolotra ny fanahiko ka tsy mba nisy maso nahita ahy.
[19]Ho toy ny tsy nisy na oviana na oviana aho; ho nentina avy tao am-bohoka nankany am-pasana aho.
[20]Tsy vitsy ihany ve ny androko? Koa aoka izay ary, avelao ho irery aho, mba hialako sasatra kely [21]mialohan'ny hialako eo amin'ilay tsy hiverenako, mankany amin'ilay tanin'ny aizina sy aloky ny fahafatesana, [22]ilay tany izay maizina toy ny misasak'alina, ilay tanin'ny aloky ny fahafatesana, tsy misy filaminana, izay toy ny misasak'alina ny hazavana.'"

11 [1]Ary Zofara ilay Namatita namaly ary niteny hoe: [2]"Tsy tokony ho valiana ve ny teny betsaka tahaka izany? Tokony hinoana ve, ity lehilahy, be resaka ity? [3]Tokony hampangina ireo hafa ve ny fireharehanao? Raha manevateva ny fampianaranay ianao, tsy hisy olona hampahamenatra anao ve?
[4]Satria ianao niteny tamin'Andriamanitra hoe: 'Madio ny finoako, tsy manan-tsiny eo imasonao aho.' [5]Nefa, eh, hiteny Andriamanitra ary hanokatra ny molony hanohitra anao; [6]mba hanehoany anao ireo tsiambaratelon'ny fahendrena! Fa lehibe amin'ny fahazavan-tsaina Izy. Fantaro ary fa kely noho izay mendrika ny helokao no angatahin'Andriamanitra aminao.
[7]Mahatakatra an'Andriamanitra amin'ny fitadiavana Azy ve ianao? Takatrao tanteraka ve ny Tsitoha? [8]Izany zavatra izany dia avo toy ny lanitra; inona no afaka ataonao? Lalina noho ny Fiainan-tsy hita izany; ka inona no fantatrao? [9]Ny refin'izany dia lava noho ny tany, ary lehibe noho ny ranomasina.
[10]Raha mandalo Izy ka mampangina olona, raha miantso olona ho tsaraina Izy, dia iza no afaka hanakana Azy? [11]Fa Izy mahalala ny olona diso; rehefa mahita heloka Izy, tsy ho tsikariny ve izany? [12]Nefa ny olona adala tsy manana fahatakarana; ho azon'izy ireo izany rehefa miteraka olona ny apondra-dia.
[13]Nefa hevero fa efa nametraka tsara ny fonao ianao ary efa nanatsotra ny tananao ho amin'Andriamanitra; [14]hevero hoe eo an-tananao ny heloka, nefa avy eo dia nohalavirinao lavitra anao izany, ary tsy namela ny tsy fahamarinana hitoetra ao an-dainao ianao.
[15]Dia hanandratra ny tavanao tsy misy famantarana henatra tokoa ianao; eny tokoa, tsy hiovaova ianao ary tsy hatahotra.
[16]Hanadino ny fahorianao ianao; ho tsaroanao toy ny rano izay nikoriana fotsiny izany. [17]Hamiratra noho ny amin'ny mitataovovonana ny fiainanao; na dia nisy aizina aza, dia ho tonga toy ny maraina izany.
[18]Ho voaaro ianao satria misy fanantenana; eny tokoa, hahita fiarovana momba anao ianao ary hanana fitsaharana am-pilaminana. [19]Handry am-pitsaharana koa ianao, ary tsy misy olona hampitahotra anao; eny tokoa, maro no hila sitraka aminao.
[20]Fa ho pahina ny mason'ny olona ratsy fanahy; tsy hahita lalana handosirana izy ireo; ny hany fanantenan'izy ireo dia ny fialan'aina farany."

12 [1]Dia namaly Joba ka nanao hoe: [2]"Tsy hisalasalana fa ianareo no olona; ary ho faty miaraka aminareo ny fahendrena.
[3]Fa manana fahazavan-tsaina tahaka anareo koa aho; ary tsy ambaninareo aho. Eny tokoa, iza no tsy mahalala ny zavatra toy izany?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Zavatra fiomehezan'ny mpiray vodi-rindrina amiko aho— Izaho, izay niantso an'Andriamanitra ary izay novaliany! Izaho, lehilahy marina sy tsy misy tsiny—lasa zavatra fihomehezana aho ankehitriny. [5]Amin'ny eritreritry ny olona izay miadana, dia misy fanamavoana lozabe; mieritreritra ny amin'ny fomba izay mitondra loza maro kokoa ho an'ireo izay solafaka iz. [6]Ambinina ny lain'ireo jiolahy, ary mahatsiaro milamina ireo izay mampahatezitra an'Andriamanitra; ny tanan'izy ireo ihany no andriamanitr'izy ireo.
[7]Fa ankehitriny anontanio ireo bibidia, dia hampianatra anao izy ireo; anontanio ireo voron'ny lanitra, dia hilaza aminao izy ireo. [8]Na miresaha amin'ny tany, dia hampianatra anao izany; hanambara aminao ireo trondron-dranomasina.
[9]Biby inona amin'ireo rehetra ireo no tsy mahalala fa ny tanan'i Yaveh no nanao izao? [10]Eo an-tanany ny ain'ny zava-manan'aina rehetra sy ny fofon'ain'ny olombelona rehetra.
[11]Tsy ny sofina ve no mamantatra ny teny toy ny lanilany manandrana ny tsiron'ny sakafo? [12]Ao amin'ny anti-dahy no misy ny fahendrena; ao amin'ny fahalavan'ny andro ny fahazavan-tsaina.
[13]Manana fahendrena sy hery Andriamanitra; manana torohevitra sy fahazavan-tsaina Izy. [14]Indro, mandrava Izy, ary tsy afaka hamboarina indray izany; raha managradra olona iray Izy, dia tsy hisy fanafahana. [15]Indro, raha mihazona ireo rano Izy, ho ritra ireo; ary raha mandefa izany any ivelany izy, dia manafotra ny tany ireo.
[16]Ao aminy ny hery sy fahendrena; ny vahoaka izay voafitaka sy ny mpamitaka dia samy eo amin'ny fahefany. [17]Manala voninahitra ny mpanolon-tsaina amin'ny alahelo Izy; ary mampody ireo mpitsara ho adala Izy. [18]Esoriny amin'ireo mpanjaka ny rojom-pahefana; nampisikina lamba ny valahany izy ireo.
[19]Manala ny voninahitry ny mpisorona amin'alahelo Izy ary mandrava ny olona mahery. [20]Manaisotra ny lahatenin'ireo izay nitokiana Izy ary alàny amin'ireo loholona ny fahazavan-tsaina. [21]Mandatsaka fanamavoana amin'ny andrian-dahy Izy ary mamaha ny fehin-kibon'ny olo-matanjaka.
[22]Maneho zavatra lalina avy ao amin'ny aizina Izy ary mitondra ny aloka izay misy ireo olona maty hivoaka ho amin'ny fahazavana. [23]Mampatanjaka ireo firenena Izy, ary mamotika azy ireo ihany koa; manitatra ireo firenena Izy, ary mitarika ireo toy ny voafonja ihany koa Izy.
[24]Manala ny fahazavan-tsaina amin'ireo mpitariky ny olon'ny tany Izy; mahatonga azy ireo hirenireniny any an'efitra izay tsy misy lalana Izy. [25]Mitsapatsapa ao amin'ny aizina tsy misy hazavana izy ireo; ary mampivembena azy ireo tahaka ny olona mamo Izy.

13 [1]Indro, ny masoko efa nahita izany rehetra izany; ny sofiko efa nandre ka nahatakatra izany. [2]Izay fantatrareo, dia fantatro ihany koa; tsy ambaninareo aho.
[3]Kanefa, aleoko miresaka amin'ilay Tsitoha; maniry ny hifandahatra amin'Andriamanitra aho. [4]Fa fotsianareo amin'ny lainga ny marina; mpitsabo tsy misy lanjany avokoa ianareo. [5]Eh, tazony ho anareo ny fahanginanareo! Ho fahendrenareo izany.
[6]Ankehitriny henoy ny fandaharako; henoy ny fiangavian'ny molotro. [7]Hiteny amin'ny tsy fahamarinana ho an'Andriamanitra ve ianareo, ary moa hiteny amim-pitaka ho Azy? [8]Tena haneho hatsaram-panahy aminy ve ianareo? Hiady any am-pitsaràna tokoa ve ianareo mba ho vavolombelon'Andriamanitra?
[9]Mety aminareo tokoa ve raha mitady anareo Izy? Afaka ny hamitaka Azy tahaka ny mety ho famitahanareo olona ve ianareo? [10]Hananatra anareo tokoa Izy raha nampiseho fiangarana miafina ianareo.
[11]Tsy hampitahotra anareo ve ny voninahiny? Tsy hianjera aminareo ve ny fahatahorana Azy? [12]Ny teny fahatsiarovanareo dia ohabolana vita amin'ny lavenona; ary ny teny fiarovanareo dia fiarovana vita amin'ny tanimanga.
[13]Tazony any ny fahanginanareo, avelao irery aho, mba hahafahako miteny, aoka ho avy amiko izay ho avy. [14]Ny nifiko ihany no hanongotako ny nofoko; ary raisiko ho eo an-tanako ny aiko. [15]Indro, raha mamono ahy Izy, dia ho foana ny fanantenako; fa na izany aza, dia hiaro ny lalako eo anatrehany aho.
[16]Izao no ho anton'ny fialan-tsiniko, mba tsy handehanako eo anatrehany tahaka ny olona mpaniratsira. [17]Andriamanitra ô, henoy tsara ny teny alahatro; aoka ny fanambarako ho tonga eo an-tsofinao.
[18]Indro ankehitriny, efa nalahatro tsara ny fiarovan-tenako; fantatro fa tsy manan-tsiny aho. [19]Iza ilay iray izay hiady amiko eo amin'ny fitsaràna? Raha tonga hanao izany Ianao, ka raha voaporofo fa diso aho, dia hangina aho ka hahafoy ny aiko.
[20]Andriamanitra ô, zavatra roa ihany no ataovy amiko, dia tsy hanafina ny tenako amin'ny tavanao aho: [21]esory amiko ny tana-mampahorinao, ary aza avela hampatahotra ahy ny fampihorohoroanao. [22]Antsoy aho, dia hamaly aho; na mamelà ahy hiteny aminao, dia hamaly ahy Ianao.
[23]Firy ny hadisoako sy ny fahotako? Ampahafantaro ahy ny heloko sy ny fahotako. [24]Nahoana Ianao no manafina ny tavanao amiko ka mitondra ahy tahaka ny fahavalonao? [25]Hanenjika ravin-kazo lasan'ny rivotra ve Ianao? Hanenjika mololo maina ve Ianao?
[26]Fa manoratra zava-mangidy hanohitra ahy Ianao; hampandovànao ahy ny heloky ny fahatanorako. [27]Ataonao ao anaty gadra vy ihany koa ny tongotro; jerenao akaiky ny lalako rehetra; dinihanao ihany koa ny tany izay nohitsahan'ny faladian-tongotro [28]na dia tahaka ny zavatra lo izay mihalevona aza aho, tahaka ny akanjo lanin'ny kalalao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

14 [1]Ny olona, izay natera-behivavy, dia miaina andro vitsy monja ary feno fahoriana. [2]Mitsimoka amin'ny tany toy ny voninkazo izy ary voakapa; mandositra toy ny aloka izy ary tsy maharitra. [3]Mba mijery an'ireny ve Ianao? Moa entinao ho tsaraina miaraka aminao aho?
[4]Iza no afaka mitondra zavatra madio avy amin'ny zavatra maloto? Tsy misy. [5]Voafaritra ny andron'ny olona. Ianao no manapaka ny isan'ny volana iainany; ianao no nanondro ny fetrany izay tsy azony hihoarana. [6]Mihodìna aminy mba hitsaharany, ka mba hankafizany ny androny toy ny mpikarama raha afaka manao izany izy.
[7]Mety hisy fanantenana ny hazo; raha voakapa izany, dia mety hitsimoka indray, mba tsy hanjavona ny tahony tanora.
[8]Na dia miha-antitra ao amin'ny tany aza ny fakany, ary maty ao amin'ny tany ny fotony, [9]nefa na dia mamofona rano fotsiny aza izany, dia hitsiry sy hisandrahaka tahaka ny zava-maniry izany.
[10]Fa maty ny olona; dia lasa malemy izy; eny tokoa, mitsahatra tsy miaina ny olona, ary aiza izy avy eo? [11]Toy ny fanjavonan'ny rano amin'ny farihy, sy toy ny faharitan'ny renirano ka maina, [12]dia toy izany koa no handrian'ny olona ary tsy mifoha intsony. Mandra-paha-tsy hisian'ny lanitra intsony, dia tsy hifoha na hitsangana amin'ny torimasony izy ireo.
[13]Iriako ny mba hanafenanao ahy any amin'ny Fiainan-tsy hita lavitry ny fahoriana, ary mba hihazonanao ahy ao amin'ny miafina mandra-pitsahatry ny hatezeranao, sy hanendrenao fotoana voatondro ho ahy hijanonako any ary mba hahatsiarovanao ahy avy eo! [14]Raha maty ny olona iray, moa mbola hiaina indray izy? Raha izany, dia maniry ny hiandry ny fotoam-paharerahako rehetra any aho mandra-pahatongan'ny fanafahana ahy.
[15]Hiantso Ianao, dia hamaly Anao aho. Hanam-paniriana amin'ny asan'ny tananao Ianao. [16]Hanisa sy hiahy ny diako Ianao; tsy hitazona ny fahotako Ianao. [17]Ho voahisy tombo-kase ao anaty kitapo ny fandikan-dalàko; ary hanarona ny heloko Ianao.
[18]Fa na ny tendrombohitra aza mianjera ary lasa tsinontsinona; [19]na ny vatolampy aza voahozongozona amin'ny toerany; lanin'ny rano ny vato; lasan'ny riakany ny vovoky ny tany. Tahaka izany, no hamotehanao ny fanantenan'ny olona.
[20]Mandresy azy mandrakariva Ianao, ary lasana izy; ovainao ny tavany ary halefanao mba ho faty izy. [21]Raha omem-boninahitra ireo zanany lahy, dia tsy fantany izany; ary raha haetry izy ireo, dia tsy hitany izany. [22]Ny fanaintainan'ny vatany manokana ihany no tsapany, ary misaona ho an'ny tenany ihany izy.

15 [1]Dia namaly Elifaza ilay Temanita ka nanao hoe: [2]"Tokony hamaly amin'ny fahalalana tsy misy dikany ve ny olon-kendry iray ka hameno ny tenany amin'ny rivotra avy any atsinanana? [3]Tokony handahatra amin'ny teny tsy mahasoa ve izy na amin'ny lahateny izay tsy hanasoavany akory?
[4]Eny tokoa, mampietry voninahitr'Andriamanitra ianao; manaisotra ny fanoloran-tena ho Azy ianao, [5]fa ny helokao no mampianatra ny vavanao; mifidy ny hanana ny lelan'ny olom-petsy ianao. [6]Ny vavanao ihany no manameloka anao, fa tsy ny ahy; ny molotrao ihany no miampanga anao.
[7]Moa ianao no olona teraka voalohany? Moa natao nisy talohan'ireo havoana angaha ianao? [8]Moa ve efa nandre ny fahalalana miafin'Andriamanitra ianao? Moa feranao ho amin'ny tenanao ihany ny fahendrena? [9]Inona no fantatrao izay tsy fantatray? Inona no takatrao izay tsy aminay ihany koa?
[10]Samy miaraka aminay ireo fotsy volo sy ireo lehilahy voky taona izay antitra mihoatra noho ny rainao. [11]Moa kely loatra ho anao ny fampiononan'Andriamanitra, dia ireo teny malefaka aminao?
[12]Nahoana no mitondra anao hivily ny fonao? Nahoana ianao no mipipi-maso, [13]hany ka mihodina amin'Andriamanitra ny fanahinao ka mamoaka teny toy izany avy amin'ny vavanao? [14]Inona moa ny olona no tokony hadio? Inona moa izay natera-behivavy no tokony ho marina?
[15]Indro, Andriamanitra dia tsy mametraka fitokisana na dia amin'ireo masiny aza; eny tokoa, tsy madio eo imasony ny lanitra; [16]mainka fa ny hakelin'ny fahadiovanao izay maharikoriko sy ratsy toetra, lehilahy misotro heloka tahaka ny rano!
[17]Hasehoko anao; mihainoa ahy; hanambara aminao ireo zavatra izay hitako aho, [18]ireo zavatra izay nampitain'ny olon-kendry avy tamin'ireo rainy, ireo zavatra izay tsy mba nafenin'ny razambeny.
[19]Ireo no razan'izy ireo, izay hany nomena ny tany, ary izay tsy mba nandalovan'ny vahiny mihintsy. [20]Ny olona ratsy fanahy dia mijaly am-panaintainana amin'ny androny rehetra, izay isan'ny taona napetraka hijalian'ny mpampahory.
[21]Misy feon'horohoro eo an-tsofiny; raha hambinina izy, dia ho avy aminy ny mpandringana.
[22]Tsy mihevitra izy fa hiverina avy ao amin'ny aizina; miandry azy ny sabatra. [23]Mandeha any amin'ny toerana isan-karazany izy mba hitady mofo, manao hoe: 'Aiza izany?' Fantany fa antomotra ny andron'ny fahamaizinana.
[24]Mampatahotra azy ny fahoriana sy ny fangirifiriana; fa mandresy azy izy ireo, tahaka ny mpanjaka vonon-kiady.
[25]Satria naninjitra ny tanany hanohitra an'Andriamanitra izy ary nieboebo nanohitra ilay Tsitoha, [26]dia mihazakazaka mankany amin'Andriamanitra amin'ny fahamafisan-katoka izany lehilahy ratsy fanahy izany, miaraka amin'ny apinga matevina.
[27]Marina izany, na dia nanafina ny tavany tamin'ny taviny sy namory tavy ho an'ny valahany aza izy, [28]ary nonina tao amin'ny tanàna lao; tany amin'ny trano izay tsy misy mipetraka ankehitriny ary izay efa vonona ny ho natao korotam-bato.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[29]Tsy hanan-karena izy; tsy haharitra ny hareny; na ny alokany aza dia tsy haharitra eto an-tany. [30]Tsy hivoaka avy ao amin'ny aizina izy;[1]hisy afo handevona ny mololony; ary amin'ny fofonaina avy amin'ny vavan'Andriamanitra no halasàny. [2]
[31]Aoka izy tsy hatoky zava-poana, ka hamitaka ny tenany; fa ny zava-poana no ho valisoany. [32]Hitranga mialohan'ny tokony hahatongavan'ny fotoana hahafatesany izany; ary tsy ho maitso ny sampany. [33]Hanintsana ny voa tsy matoiny tahaka ny voaloboka izy; ary hampiraraka ny voniny tahaka ny hazon'oliva.
[34]Fa ny antokon'ny mpaniratsira dia ho momba; handevona ny lain'ny kolikoliny ny afo. [35]Sompatra no torotoroniny ary heloka no haterany; fitaka no torotoronin'ny kibon'izy ireo."

---

[1]Fanamarihana: Dikan-teny vaovao maro no tsy manisy hoe: "Tsy hivoaka avy ao amin'ny aizina izy," satria hinoan'izy ireo fa io teny io dia voadika tsy nahy avy tao amin'ny 15:22
[2]Fanamarihana: Ny lahatsoratra Hebreo dia misy hoe: "Hiala amin'ny fofonaina avy amin'ny vavany izy," izay adikan'ny dikan-teny sasany ankehitriny, isan'izany ny ULB sy ny UDB, ho fofonaina avy amin'ny vavan'Andriamanitra. Na izany aza, misy dikan-teny vaovao hafa manaraka ny dikan-teny Grika iray hoe: "hihintsana miaraka amin'ny rivotra ny voniny."

---

16 [1]Ary namaly i Joba ka niteny hoe: [2]"Efa nahare zavatra tahaka izany maro aho; mpampionona mahonena avokoa ianareo. [3]Mba hisy fiafarany ve ireo teny tsy misy fotony? Inona no olanao no dia mamaly tahaka izao ianao?
[4]Afaka miteny tahaka anareo ihany koa aho, raha ianareo no teo amin'ny toerako; afaka manangona sy manambatra teny aho entina hanoherana anareo ary hanifikifika ny lohako aminareo amin'ny eso. [5]Eh, te-hankahery anareo amin'ny vavako aho! Endrey ny ho fanamaivanan'ny fampiononan'ny molotro ny alahelonareo!
[6]Raha miteny aho, dia tsy mihena ny alaheloko; raha mangina kosa aho, ahoana no hanampiana ahy? [7]Fa ankehitriny, ry Andriamanitra, dia novizaninao aho; noravanao ny fianakaviako manontolo. [8]Nohamaininao aho, izay vavolombelona manohitra ahy ihany; nitsangana hiampanga ahy ny fahiazan'ny vatako, ary vavolombelona manohitra ny tavako izany.
[9]Tao anaty hatezerana no namotehan'Andriamanitra sy nanenjehany ahy; nihidy vazana tamiko Izy; dia nanondro maso ahy ny fahavaloko raha mbola nandrava ahy Izy. [10]Nisanasana vava tamiko ny olona; nofelahan'izy ireo tamin'ny fanomezan-tsiny ny takolako; niara-nivondrona hanohitra ahy izy ireo.
[11]Atolotr'Andriamanitra eo amin'ny olona mpaniratsira aho, ary atsipiny eny an-tanan'ny olona ratsy fanahy. [12]Nilamina aho, dia nopotehiny. Eny tokoa, noraisiny tamin'ny tenda aho ary nakapony ho potipotika; nataony marika ho kendreny ihany koa aho.
[13]Manodidina ahy ireo mpanipy zana-tsipìkany; tsindronin'Andriamanitra tsy hananany hantra ny voako; ararany amin'ny tany ny aferoko. [14]Velesiny hatrany hatrany ny rindriko; mihazakazaka manatona ahy toy ny mpiady Izy.
[15]Nozairiko teo an-koditro ny akanjo fisaonana; efa nalentiko tao amin'ny tany ny tandroko. [16]Menan'ny tomany ny tarehiko; eo amin'ny hodimasoko ny aloky ny fahafatesana [17]na dia tsy misy herisetra aza ny tanako, ary madio ny fivavako.
[18]Ry tany o, aza rakofana ny ràko; aoka tsy hanana toerana hitsaharana ny fitomaniako. [19]Na ankehitriny aza, indro, any an-danitra ny vavolombeloko; any amin'ny avo ilay mpiantoka ahy.
[20]Manesoeso ahy ireo namako, kanefa mandrotsa-dranomaso ho an'Andriamanitra ny masoko. [21]Mangataka izany vavolombelona tany an-danitra izany aho mba hiady ho an'ity lehilahy ity eo amin'Andriamanitra toy ny ataon'ny olona amin'ny mpiara-belona aminy aho! [22]Fa afaka taona vitsivitsy, dia ho any amin'ny toerana iray izay tsy hiverenako intsony aho.

17 [1]Levona ny fanahiko, ary tapitra ny androko; efa vonona ho ahy ny fasana. [2]Azo antoka fa misy mpandrabiraby eto amiko; tsy maintsy hijery ny fihantsian'izy ireo lalandava ny masoko. [3]Manomeza antoka izao, aoka ho antoka ho ahy ianao miaraka amin'ny tenanao; iza koa no eto hanampy ahy?
[4]Fa Ianao, ry Andriamanitra, nitana ny fon'izy ireo tsy ho amin'ny fahazavan-tsaina; noho izany, tsy hanandratra azy ireo ho amboniko Ianao. [5]Izy izay miampanga ireo namany tamin'ny valisoa; dia ho pahina ireo mason'ny zanany.
[6]Nefa nataony ho ambetitenin'ny vahoaka aho; nororain'izy ireo ny tavako. [7]Pahina nohon'ny alahelo koa ny masoko; ny rantsam-batako rehetra dia mahia toy ny aloka. [8]Ireo olona mahitsy dia ho ankona amin'izany; ny olona tsy manan-tsiny handrisika ny tenany hanohitra ireo olona mpaniratsira.
[9]Ny lehilahy marina dia hifikitra amin'ny lalany; izay manana tanana madio dia hitombo hery hatrany hatrany. [10]Nefa ho anareo rehetra, miavia eto izao; tsy hahita olona hendry eo aminareo aho.
[11]Efa lasa ny androko; rava ireo fikasako, ary toy izany koa ireo fanirian'ny foko. [1][12]Ireo olona ireo, ireo mpaniratsira ireo, dia mamadika ny alina ho andro; akaikin'ny aizina ny mazava.
[13]Satria mijery ny Fiainan-tsy hita toy ny tranoko aho; satria nampiely ny fandriako tao amin'ny aizina aho; [14]satria niteny tamin'ny lavaka aho hoe: 'Raiko ianao' ary tamin'ny kankana hoe: 'Reniko na anabaviko ianao', [15]dia aiza ary izany ny fanantenako? Raha ny fanantenako, iza no hahita izany? [16]Hidina miaraka amiko any amin'ireo vavahadin'ny Fiainan-tsy hita ve ny fanantenana rehefa midina any amin'ny vovoka isika?"

---

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

¸Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany vaovao dia manao hoe: "Lasa ireo androko, ary koa ireo drafitro. Ireo fanirian'ny foko dia tapitra" na "... ireo tadin'ny foko dia efa potika" Ny hafa manao hoe: "Lasa ireo androko; tapitra ireo drafitro, ary koa ireo fanirian'ny foko"

18 [1]Avy eo i Bilidada ilay Sohita namaly ary niteny hoe: [2]"Rahoviana no hatsahatrao ny teninao? Diniho, ary aorian'izany dia hiteny izahay.
[3]Nahoana izahay no heverina toy ny biby; nahoana izahay no nanjary adala eo imasonao? [4]Ianao izay mamiravira ny tenanao amin'ny fahatezaranao, tokony hahafoy ho anao ve ny tany sa tokony ho esorina eo amin'ny toerany ireo vatolampy?
[5]Eny tokoa, ho vonoina ny fahazavan'ny olona ratsy fanahy; tsy hamirapiratra ny pitik'afony. [6]Ho maizina ny fahazavana ao an-dainy; ary ny jiro eo amboniny dia ho vonoina.
[7]Hafohezina ny dingan'ny heriny; ny fikasany ihany no handrava azy. [8]Fa hifatratra anaty harato amin'ny alalan 'ny tongony ihany izy; ary hilatsaka anaty vela-pandrika iray izy.
[9]Hisy fandrika hahazo azy amin'ny kitro; ary hihazona azy ny fandrika. [10]Misy fandrika iray miafina ho azy eo amin'ny tany; ary fandrika iray ho azy eo amin'ny lalana. [11]Hampatahotra azy ny fampihorohoroana amin'ny sisiny rehetra; hanenjika azy amin'ny kitrony izy ireo.
[12]Hivadika hanoanana ny hareny, ary ho vonona eo anilany ny loza. [13]Ny ratsam-batany dia ho voarapaka; eny tokoa, ny voalohan-teraky ny fahafatesana dia handrapaka ny rantsany.
[14]Voaviravira tsy ho amin'ny fiarovan'ny lainy izy ary hivoaka mankany amin'ilay mpanjakan'ny horohoro. [15]Ny olona izay tsy azy dia honina ao an-dainy aorian'ny hahitan'izy ireo fa niparitaka tao an-tranony ny solifara.
[16]Ho maina avy any ambany ny fakany; ary eo ambony no hanapahana ireo sampany. [17]Ho foana eto an-tany ny fahatsiarovana azy; tsy hanana anarana eny an-dalana izy.
[18]Ho entina avy amin'ny mazava ho any amin'ny aizina izy ary ho voaroaka eto amin'izao tontolo izao. [19]Tsy hanana zanaka na zafy eo amin'ny olony izy, na hanana sisa tavela amin'ireo fara-mandimby izay nijanonany. [20]Ireo izay monina any andrefana dia hiorin-koditra amin'izay hanjo azy indray andro any; ary ireo izay monina any atsinanana dia ho raiki-tahotra amin'izany.
[21]Azo antoka fa tahaka izany ny tranon'ny olona tsy marina, dia ny toeran'ireo izay tsy mahalala an'Andriamanitra."

19 [1]Dia namaly Joba ka nanao hoe: [2]"Hafiriana no hampijalianareo ahy sy hamotipotehinareo ahy amin'ny teny?
[3]Tamin'izay nandatsanareo ahy impolo izay; tsy mba menatra nampahory ahy ianareo. [4]Raha tena marina tokoa fa efa nania aho, dia hijanona ho ahy irery ny fahadisoako.
[5]Raha hanandratra ny tenanareo ho amboniko tokoa ianareo ary hampiasa ny fahafam-barakako hanohitra ahy, [6]dia tokony ho fantatrareo fa Andriamanitra efa nanao ny tsy nety tamiko ary nahatratra ahy tamin'ny haratony.
[7]Indro, mitaraina aho hoe: "Herisetra!" nefa tsy mahazo valiny aho. Niantso vonjy mafy aho, saingy tsy nahazo rariny.
[8]Nasiany rindrina ny lalako mba tsy hahafahako mandeha, ary nametraka ny aizina teo amin'ny lalako Izy. [9]Nesoriny tamiko ny voninahitro, ary efa nanaisotra ny satro-boninahitra tamin'ny lohako Izy.
[10]Efa namotika ahy tamin'ny zorony rehetra Izy, dia lasa aho, nongotany tahaka ny hazo ny fanantenako. [11]Nampirehetiny tamiko ihany koa ny fahatezerany; raisiny tahaka ny iray amin'ireo fahavalony aho. [12]Miara-tonga ireo tafiny; manangana dongon-tany hanafihana ahy izy ireo ka mitoby manodidina ny laiko.
[13]Nanaisotra ireo rahalahiko lavitra ahy Izy; nihafahafa tamiko tanteraka ireo olom-pantatro. [14]Nahafoy ahy ireo havako; efa nanadino ahy ireo namako akaiky.
[15]Ireo izay nijanona mba ho vahiny tao an-tranoko fahizay sy ireo mpanompo vaviko dia mandray ahy toy ny tsy olom-patatra; vahiny aho eo imason'izy ireo. [16]Miantso ny mpanompoko aho, nefa tsy namaly ahy izy na dia miangavy azy amin'ny vavako aza aho.
[17]Manafintohina ny vadiko ny fofonaiko; maharikoriko ireo izay nateraky ny kibon'ny reniko mihintsy aza aho. [18]Na ireo ankizy aza manao tsinontsinona ahy; raha mitsangana hiteny aho, dia miteny manohitra ahy izy ireo. [19]Ireo namako nahazatra rehetra dia mankahala ahy; nivadika tamiko ireo izay tiako.
[20]Miraikitra amin'ny hoditro sy ny nofoko ny taolako; ny hany ivelomako dia amin'ny hoditry ny nifiko. [21]Manàna famindram-po amiko, manàna famindram-po amiko, ry namako, satria ny tanan'Andriamanitra dia efa nikasika ahy.
[22]Nahoana ianareo no manenjika ahy tahaka ny hoe ianareo no Andriamanitra? Nahoana no tsy afa-po amin'ny fandevonana ny nofoko ianareo?
[23]Eh, enga anie ka ho voasoratra ny teniko ankehitriny! Eh, enga anie ka ho voarakitra ao anaty boky ireny! [24]Eh, enga anie ka ho voasokitra amin'ny penina vy sy firaka eo amin'ny vatolampy mandrakizay ireny!
[25]Nefa raha ny amiko, fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ary any am-parany dia hitsangana eo amin'ny tany Izy;
[26]aorian'izany ny hoditro, izany hoe, ity vatana ity, dia potika, ary dia ao amin'ny nofoko no hahitako an'Andriamanitra.
[27]Hahita Azy amin'ny masoko mihintsy aho—Izaho, fa tsy olon-kafa. Efa sasa-miandry izany ny foko ato anatiko ato.
[28]Raha hoy ianareo hoe: 'Ahoana no hanenjehantsika azy! Ny fototr'ireo fahoriany dia ao aminy,' [29]ary matahora ny sabatra, satria ny fahatezerana dia hahatonga famaizana amin'ny sabatra, mba hahafantaranareo fa misy ny fitsaràna."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

20 [1]Dia namaly i Zofara ilay Namatita ary niteny hoe: [2]"Ireo eritreritro no mahatonga ahy hamaly haingana nohon'ny
fitaintainana izay ao anatiko. [3]Mandre teny mafy izay manala baraka ahy aho, saingy misy fanahy avy amin'ny
fahazavan-tsaiko mamaly ahy.
[4]Tsy fantatrao ve izao zava-misy izao hatramin'ny andro fahiny, raha nametraka ny olombelona teto an-tany
Andriamanitra: [5]ny fandresen'ny olona ratsy fanahy dia fohy, ary ny hafalian'ny mpaniratsira dia maharitra fotoana fohy
ihany?
[6]Na dia mahatakatra ny lanitra aza ny haavony, ary mananika ny rahona ny lohany, [7]dia mbola ho levona toy ny malotony
ny olona toy izany; ireo izay nahita azy dia hiteny hoe: 'Aiza izy?'
[8]Hanidina toy ny nofy izy ary tsy ho hita; eny tokoa, ho enjehina toy ny fahitana amin'ny alina izy. [9]Ny maso izay nahita
azy dia tsy hahita azy intsony; ny toerany dia tsy hahita azy intsony.
[10]Hiala tsiny amin'ny olona mahantra ireo zanany; tsy maintsy hamerina ny harena azony ny tanany. [11]Ireo taolany dia
feno ny tanjaky ny fahatanorana, saingy handry miaraka aminy anaty vovoka izany.
[12]Na dia mamy ao am-bavany aza ny faharatsiana, na dia manafina izany ao ambanin'ny lelany aza izy, [13]na dia mihazona
izany ao sady tsy mamela izany handeha fa mbola mihazona izany tsara ao am-bavany ihany aza izy— [14]dia mivadika
mangidy ny sakafo ao anaty tsinainy; zary poizina avy amin'ny bibilava ao anatiny izany.
[15]Mitelina harena izy, saingy handoa izany indray; havoakan'Andriamanitra avy ao amin'ny kibony izany. [16]Hitsetsitra ny
poizin'ny bibilava izy; hamono azy ny lelan'ny menarana.
[17]Tsy hankafy ireo renirano, ireo riakan'ny tantely sy ero-dronono izy. [18]Hamerina ny vokatra izay nisasarany izy ary tsy
afaka ny hinana izany; tsy afaka ny hankafy ny harena azony tamin'ny varony izy. [19]Satria izy nampahory sy nanao
tsinontsinona ny olona mahantra; naka an-keriny ireo trano izay tsy naoriny izy.
[20]Satria izy tsy nahalala fahafaham-po tamin'ny tenany, dia tsy afaka ny hahavonjy ny zava-drehetra izay nakany
fahafinaretana izy. [21]Tsy misy izay tavela ka tsy nolevoniny; noho izany dia manam-petra ihany ny fahombiazany.
[22]Hilatsaka anaty fahoriana amin'ny fahabetsahan'ny hareny izy; ny tanan'ny tsirairay izay ao anaty fahantrana dia ho
avy hanohitra azy.
[23]Rehefa hameno ny kibony izy, dia hatorak'Andriamanitra aminy ny firehetan'ny fahatezerany; handrotsaka izany eo
aminy Andriamanitra rehefa eo am-pihinanana izy. [24]Na dia hitsoaka ny fitaovam-piadiana vy aza izany lehilahy izany,
dia hahavoa azy ny tsipìka varahina. [25]Hanindrona avy ao an-damosiny ny lefona ary ho tafavoaka; ary hivoaka avy ao
amin'ny atiny tokoa ny tendrony manjelanjelatra; ho tonga eo aminy ny horohoro.
[26]Aizin-kitroka tanteraka no miandry ny hareny; ary afo tsy notsofina no handoro azy; handevona izay sisa tavela ao
anatin'ny lainy izany. [27]Hanambara ny helony ny lanitra, ary hijoro vavolombelona hanohitra azy ny tany.
[28]Hielina ny harena ao an-tranony; hikoriana hiala aminy amin'ny andron'ny fahatezeran' Andriamanitra ireo fananany.
[29]Izany no anjaran'ny olona ratsy fanahy avy amin'Andriamanitra, ny lova voatokana ho azy avy amin'Andriamanitra."

21 [1]Ary namaly i Joba ka niteny hoe: [2]"Henoy tsara ireo teniko, ary avelao ho fankaherezana omenareo ahy izany.
[3]Mahareta amiko, fa hiteny ihany koa aho; aorian'ny hitenenako, dia manesoa hatrany.
[4]Raha ny amiko, amin'ny olona iray ve ny fitarainako? Nahoana aho no tsy tokony tsy hanam-paharetana? [5]Jereo aho ary
aoka ho talanjona, ary apetraho eo amin'ny vavanareo ny tananareo. [6]Rehefa misaintsaina ireo fijaliko aho, dia
mihorohoro, ary tora-kovitra ny vatako.
[7]Nahoana ny olona ratsy fanahy no mbola miaina, tratra antitra, ary mitombo hery amin'ny fahefana? [8]Miorina miaraka
aminy eo imason'izy ireo ny taranany, ary ireo zanany dia miorina eo imason'izy ireo. [9]Ny tranon'izy ireo dia lavitry ny
tahotra; ary tsy eo amin'izy ireo ny kapok'Andriamanitra.
[10]Mampanaraka ny ombilahiny izy ireo; ary dia mahavanona; ny omby vavin'izy ireo dia miteraka ary tsy mamotsotra ny
zanany tsy tonga volana. [11]Mamoaka ireo kilongany toy ny ondry aman'osy izy ireo, ary mandihy ireo zanany. [12]Mihira
amin'ny ampongatapaka sy lokanga izy ireo ary mifaly miaraka amin'ny feon-tsodina.
[13]Miaina ny androny amin'ny fanambinana izy ireo, ary midina mangina ho any amin'ny Fiainan-tsy hita. [14]Hoy izy ireo
amin'Andriamanitra hoe: 'Mialà aminay fa tsy maniry ny hahalala ny lalanao izahay. [15]Inona moa ilay Tsitoha, no tokony
hanompo Azy izahay? Inona no tombontsoa azonay raha mivavaka aminy izahay?'
[16]Indro, moa ve tsy eo an-tanan'izy ireo ihany ny fanambinan'izy ireo? Tsy misy hirarahiako ny toro-hevitry ny olona
ratsy fanahy. [17]Impiry no maty ny jiron'ny olona ratsy fanahy, na tonga eo aminy ny lozan'izy ireo? Impiry no mizara
alahelo amin'izy ireo amin'ny fahatezerany Andriamanitra? [18]Impiry izy ireo no tonga tahaka ny mololo tsofin'ny rivotra
na tahaka ny akofa entin'ny tafio-drivotra?
[19]Hoy ianareo hoe: 'Andriamanitra mitahiry ny helony mba hohefain'ireo zanany.' Avelao ny tenany ihany no hanefa
izany, mba hahafantarany ny helony. [20]Avelao ny masony hahita ny faharavany, ary avelao izy hisotro ny fahatezeran'ilay
Tsitoha. [21]Satria inona no hiraharahiany ny momba ireo taranany mandimby azy rehefa tapaka ny isan'ireo volany?
[22]Moa ve misy olona afaka mampianatra fahalalana an'Andriamanitra satria na dia ireo izay ambony aza dia Izy no
mitsara? [23]Ny olona iray dia maty ao anatin'ny heriny feno, tony tanteraka ary miadana. [24]Feno ronono ny vatany, ary ny
tsokan'ny taolany dia mando sy salama tsara.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[25]Misy olona iray hafa maty ao anatin'ny fangidian'ny fanahy, olona izay tsy mbola niaina zavatra tsara. [26]Samy mandry anaty vovoka izy ireo; ary mandrakotra ny vatan'izy roa ireo kankana.
[27]Indro, fantatro ny eritreritrareo, sy ireo fomba izay irianareo mba handisoana ahy. [28]Fa hoy ianareo hoe: 'Aiza izao ny tranon'ny andriandahy? Aiza ny lay izay nonenan'ny ratsy fanahy taloha?'
[29]Tsy mbola nanontany ny olona mpandeha lavitra mihintsy ve ianareo? Tsy fantatrareo ve ny porofo azon'izy ireo lazaina, [30]fa voaaro amin'ny andron'ny loza ireo ratsy fanahy, ary havily lavitry ny andron'ny fahatezerana izy?
[31]Iza no hanameloka ny fomban'ny ratsy fanahy eo anatrehany? Iza no hanefa azy amin'ny zavatra vitany? [32]Nefa mbola ho lanjaina ho any am-pasana izy; ireo olona dia hiambina ny fasany. [33]Ho mamy aminy ny baingan-dohasaha; hanaraka azy avy ao aorina ny olona rehetra, tahaka ny nandehanan'ireo olona maro tsy voatanisa teo alohany.
[34]Nahoana ary ianareo no mampionona ahy amin'ny zavatra tsy misy dikany, satria ao amin'ireo valinteninareo dia tsy misy afa-tsy lainga fotsiny?"

22 [1]Dia namaly Elifaza ilay Temanita ka niteny hoe: [2]"Mety ilain'Andriamanitra ve ny olona? Mety ilainy ve ny lehilahy hendry? [3]Moa ve fahafinaretana ho an'ilay Tsitoha raha marina ianao? Moa ve tombony ho Azy raha manao ny lalanao ho tsy misy tsiny ianao?
[4]Moa ve ny fanehoanao fanajana Azy no hamaizany anao sy hitondrany anao amin'ny fitsaràna? [5]Moa ve tsy lehibe ny faharatsianao? Tsy misy fiafarana ve ireo helokao?
[6]Fa efa nangataka antoka tamin'ny findramam-bolan'ny rahalahinao tamin'ny tsy misy antony ianao, ary efa nanendaka fitafiana tamin'izay nitanjaka ianao. [7]Tsy nanome rano ho sotroin'ny olona reraka ianao; namihina mofo tsy ho an'ny olona noana ianao,[8]na dia olona mahery aza ianao, izay nanana ny tany, na dia olona manam-boninahitra aza ianao, izay nonina tao amin'izany.
[9]Nalefanao maina ny mpitondratena; ary ny tanan'ireo kamboty dia notapahina. [10]Noho izany, misy fandrika ny manodidina anao rehetra, ary ny fahatahorana tampoka no mampahory anao. [11]Misy ny aizina, mba tsy hahitanao; ary ny rano be mandrakotra anao.
[12]Moa ve Andriamanitra tsy any amin'ny haavo'ny lanitra? Jereo ny haavon'ireo kintana, endrey ny hahavon'izy ireo!
[13]Ary hoy ianao hoe: 'Inona no fantatr'Andriamanitra? Mety hitsara amin'ny alalan'ny aizim-pito ve Izy? [14]Ny rahona matevina no firakofany, mba tsy hahitany antsika; mandeha eny amin'ny andohalambon'ny lanitra Izy.'
[15]Hitandrina ny lalana taloha izay nalehan'ny olona ratsy fanahy ve ianao— [16]ireo izay nesorina talohan'ny fotoany, ireo izay voafaoka toy ny renirano ny fototr'izy ireo, [17]ireo izay niteny tamin'Andriamanitra hoe: 'Mialà aminay'; ireo izay niteny hoe: 'Inona no azon'ny Tsitoha atao aminay?'
[18]Kanefa mbola nameno ny tranon'izy ireo tamin'ny zava-tsoa Izy; ny tetik'ireo ratsy fanahy dia lavitra ahy. [19]Ny olo-marina mahita ny anjarany ka faly; ny olona tsy mana-tsiny miomehy azy ireo mba handatsa azy. [20]Hoy izy ireo hoe: 'Azo antoka fa notapahina ireo izay nitsangana nanohitra antsika; nandevona ny fananany ny afo.'
[21]Koa ankehitriny, maneke an'Andriamanitra ary mihavàna aminy; amin'izany fomba izany, no hiavian'ny soa aminao.
[22]Mitalaho aminao aho, mandraisa fampianarana avy amin'ny molony; tehirizo ao am-ponao ny teniny.
[23]Raha miverina amin'ny Tsitoha ianao, dia hiorina, raha mametraka ny tsy fahamarinanao lavitry ny lainao ianao.
[24]Ampandrio eo amin'ny vovoka ny harenao, ny volamenan'i Ofira eo amin'ny vaton'ny lohasahan-driaka, [25]ary ny Tsitoha no ho harenao, volafotsy sarobidy ho anao.
[26]Fa amin'izany dia hiravoravo amin'ilay Tsitoha ianao; hanandratra ny tavanao amin'Andriamanitra ianao. [27]Hivavaka aminy ianao, dia hihaino anao Izy; hanefa ireo voadinao aminy ianao. [28]Handidy ny zavatra rehetra koa ianao, ary dia ho hamafisina ho anao izany; hamiratra amin'ny lalanao ny fahazavana.
[29]Andriamanitra dia mampietry ny olona mirehareha, ary mamonjy ny olona mampidina ny masony. [30]Hanafaka Izy na dia ny olona manan-tsiny aza; izay ho vonjena eo amin'ny fahadiovan'ny tananao."

23 [1]Avy eo Joba namaly ka nanao hoe: [2]"Na dia androany aza dia mangidy ny fitarainako; ny tanako [1]dia mavesatra nohon'ny fitarainako.
[3]Indrisy, raha mba fantatro izay mety hahitako Azy! Eh, mba hahatongavako eo amin'ny toerany! [4]Handahatra ny adiko eo anoloany aho ary hameno ny vavako amin'ny fandresen-dahatra. [5]Hianatra ireo teny izay hamaliany ahy aho ary hahazo izay ho lazainy amiko.
[6]Hiady hevitra hanohitra ahy amin'ny halehiben'ny fahefany ve Izy? Tsia, hihaino ahy Izy. [7]Any no hiady hevitra Aminy ny olona mahitsy. Amin'izany fomba izany no hanafahan'ny mpitsarako ahy madiodio mandrakizay.
[8]Indro, mandeha miatsinanana aho, fa tsy any Izy, ary miakandrefana, nefa tsy mety mahita Azy aho. [9]Ny any avaratra, izay iasany, nefa tsy afaka mahita Azy aho, ary ny any atsimo, izay anafenany ny tenany mba tsy hahafahako mahita Azy.
[10]Nefa mahalala ny lalana izay alehako Izy; rehefa nisedra ahy Izy, dia hivoaka tahaka ny volamena aho. [11]Nifikitra tamin'ny diany ny tongotro; nifikitra tamin'ny lalany aho ary tsy nivily. [12]Tsy niala tamin'ireo didin'ny molony aho; ny tenin'ny vavany dia noraketiko tao am-poko mihoatra noho ny anjara haniko.
[13]Fa tsy manam-paharoa Izy, iza no afaka hamily Azy indray? Izay iriany dia ataony. [14]Fa tanterahany hanohitra ahy ireo lalàny; misy betsaka tahaka ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Noho izany, mihorohoro aho eo amin'ny fanatrehany; rehefa mieritreritra ny momba Azy aho, dia mataotra Azy. [16]Satria efa nataon'Andriamanitra malemy ny foko; nampihorohoro ahy ilay Tsitoha. [17]Tsy notaperina tamin'ny aizina aho, nohon'ny aizin-kitroka izay manarona ny aizim-piton'ny tavako.

---

[a]Fanamarihana: Ireo fandikana sasany dia misy hoe: "... ny tanany..."

---

24 [1]Nahoana ny fotoana fitsaràna ireo ratsy fanahy no tsy nataon'ilay Tsitoha? Nahoana ireo izay mahatoky an'Andriamanitra no tsy mahita ny fahatongavan'ny andron'ny fitsaràny?
[2]Misy olona ratsy fanahy izay manala ny mariky ny sisin-tany; misy olona ratsy fanahy izay maka an-kery ny andian'ondry aman'osy ka mametraka ireo ao amin'ny valan'izy ireo manokana. [3]Mandroaka ny borikin'ireo izay kamboty ray izy ireo; maka ny ombin'ny mpitondratena ho fiarovana izy ireo. [4]Manery ireo olona ory hiala amin'ny lalany izy ireo; ireo olona mahantran'ny tany dia miafina azy ireo avokoa.
[5]Indro, ireo olona mahantra ireo dia mivoaka miasa tahaka ny borikidia any amin'ny tany hay, mitady sakafo fatratra; sao mba hanome azy ireo sakafo ho an'ny zanak'izy ireo ihany i Araba. [6]Ny olona mahantra dia mijinja any amin'ny sahan'ny olona hafa amin'ny alina; mitsimpona ny voaloboka avy amin'ny vokatr'ireo olona ratsy fanahy izy ireo. [7]Mandry mitanjaka tsy misy fitafiana izy ireo ny alina tontolo; tsy manana firakofana izy ireo amin'ny hatsiaka.
[8]Kotsan'ny eriky ny tendrombohitra izy ireo; ary mandry akaikin'ireo vato lehibe satria tsy manan-kialofana. [9]Misy ireo ratsy fanahy manaisotra ireo kamboty eo an-tratran-dreniny, ary olona ratsy fanahy izay maka ireo zaza ho fiarovana amin'ny olona mahantra. [10]Fa ireo olona mahantra dia mandehandeha mitanjaka tsy mitafy; na dia mandeha noana aza izy ireo, dia milanja ny amboaram-barin'ireo hafa.
[11]Ireo olona mahantra dia manao diloilo ao anatin'ny rindrin'ireo ratsy fanahy ireo; manitsakitsaka ao amin'ny famiazan-divain'ireo ratsy fanahy izy ireo, fa ny tenan'izy ireo dia mijalin'ny hetaheta. [12]Misento ny olona ao amin'ny tanàna, mihiaka mafy ny olona naratra, satria tsy miraharaha ny vavak'izy ireo Andriamanitra.
[13]Ny sasany tamin'ireo olona ratsy fanahy ireo dia mikomy manohitra ny hazavana; sady tsy fantatr'izy ireo ny lalany, no mijanona amin'ny lalany izy ireo. [14]Mialohan'ny andro mazava no mitsangana ilay mpamono olona ka mamono ny mahantra sy ny olona ory; toy ny mpangalatra izy amin'ny alina.
[15]Miandry ny takariva ihany koa ny mason'ireo mpijangajanga; hoy izy hoe: 'Tsy hisy maso hahita ahy.' Manarona ny tavany izy. [16]Ao amin'ny aizina no hisavan'ny olona ratsy fanahy ny trano; fa izy ireo dia mampangina ny tenan'izy ireo amin'ny andro; tsy miraharaha ny hazavana izy ireo. [17]Amin'izy rehetra, ny aizim-pito dia tahaka ny maraina; satria izy ireo dia sakaizan'ny fampihorohoroan'ny aizim-pito.
[18]Na izany aza anefa dia ho levona faingana izy ireo, tahaka ny roatra mitsingevana eny ambony rano; ny anjaran-tanin'izy ireo dia voaozona; tsy misy olona andeha hiasa eny amin'ny tanim-boalobok'izy ireo. [19]Tahaka ny nampitsonihan'ny hain-tany sy ny hafanana ny oram-panala ho rano, no hakan'ny Fiainan-tsy hita ireo izay nanota.
[20]Ny kibo izay nitondra azy dia hanadino azy; ny kankana no hihinana azy an-kamamiana; tsy ho tsaroana intsony izy; amin'izany fomba izany, no hahapotika ny faharatsiana tahaka ny hazo. [21]Ny ratsy fanahy dia handrapaka ny vehivavy momba izay tsy nitera-jaza; tsy manisy soa amin'ny mpitondratena izy.
[22]Kanefa Andriamanitra mbola mitarika ny olona mahery amin'ny alalan'ny heriny ihany; mitsangana Izy ary tsy mampatanjaka azy ireo amin'ny fiainana. [23]Andriamanitra dia mamela azy ireo hihevitra fa mandry fahalemana izy ireo, ary faly ny amin'izany izy ireo, saingy ny masony dia eny amin'ny lalany.
[24]Asandratra ireo olona ireo; kanefa, ao anatin'ny fotoana fohy ihany, dia ho lasa izy ireo; eny tokoa, hahetry izy ireo; hangonina tahaka ny hafa rehetra izy ireo; ho tapahana tahaka ny salohim-bary izy ireo. [25]Raha tsy izany, iza no afaka hanamarina ahy ho mpandainga; iza no afaka hanao tsinontsinona ny teniko?

25 [1]Ary Bildada ilay Sohita namaly ka niteny hoe: [2]"Ao aminy ny fanapahana sy ny tahotra; mandamina any amin'ny toerany avo any an-danitra Izy. [3]Misy fetrany ve ny isan'ireo tafiny? Amin'iza no tsy hamirapiratan'ny fahazavany?
[4]Ahoana ary no hahamarina ny olona eo amin'Andriamanitra? Ahoana no hampadio izay natera-behivavy, ho azo ekena eo aminy? [5]Indro, fa na dia ny volana aza tsy mamiratra aminy; tsy madio eo imasony ny kintana. [6]Mainka fa ny olona, izay kankana—izay zanak'olombelona, izay kankana!"

26 [1]Ary namaly Joba ka nanao hoe: [2]"Endrey ny fanampianao ilay iray izay tsy manan-kery! Endrey ny namonjenao ny sandry izay tsy nanana tanjaka! [3]Endrey ny nanoroanao hevitra ny olona izay tsy manam-pahendrena sy ny nanambaranao fahalalana tsara taminy! [4]Tamin'ny fanampian'iza no nitenenanao ireny teny ireny? Fanahin'iza no nivoaka avy taminao?
[5]Zary mangovitra ny maty, dia ireo izay any ambany rano sy ireo rehetra izay mitoetra ao amin'izany. [6]Mitanjaka eo anatrehan'Andriamanitra ny Fiainan-tsy hita; ny faharavana mihintsy no tsy misy fanaronana aminy.
[7]Mamelatra ny lanitra avaratra eny amin'ny toerana babangoana Izy, ary mampihantona ny tany eo amin'ny tsy misy.
[8]Mampitambatra ny rano ao amin'ny rahony matevina Izy, saingy tsy mitriatra ao ambanin'izany ny rahona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Manarona ny volana izy ary mampiely ny rahony eo amin'izany. [10]Nisokitra faritra boribory teo ambony rano ho fetra eo amin'ny mazava sy ny aizina Izy.
[11]Mihovitrovitra ny andrin'ny lanitra ary taitra tamin'ny fitenenany mafy. [12]Nampitony ny ranomasina tamin'ny heriny Izy; tamin'ny fahazavan-tsainy no nampianjerany an-dRahaba.
[13]Tamin'ny fofonainy no nampisavany ny lanitra; ny tanany no nanindrona ny menarana teo am-pandosirana. [14]Indro, sombiny amin'ny lalany fotsiny ihany izany; endrey ny halefaky ny bitsika rentsika avy aminy! Iza no afa-mahatakatra ny kotroky ny heriny?"

27 [1]Dia nanohy niresaka indray Joba ka nanao hoe: [2]"Raha mbola velona tokoa Andrianamanitra, izay nanaisotra ny rariny ho ahy, ilay Tsitoha, izay nampangidy ny fiainako, [3]raha mbola ato amiko ny aiko, ary eo am-bavoroko ny fofon'aina avy amin'Andriamanitra, dia izao no ho ataoko.
[4]Tsy hiteny faharatsiana ny molotro, na hiteny fitaka ny lelako; [5]tsy hanaiky mihitsy aho hoe marina ianareo telo; mandra-pahafatiko dia tsy handà ny fahitsiako mihitsy aho.
[6]Hazoniko mafy ny fahamarinako ary tsy havelako handeha; tsy handatsa ahy mihintsy ny eritreritro raha mbola velona aho. [7]Aoka ny fahavaloko ho toy ny olona ratsy fanahy; aoka izay mitsangana hanohitra ahy ho toy ny olona tsy marin.
[8]Fa inona no fanantenan'ny mpaniratsira rehefa haringan'Andriamanitra izy, rehefa esorin'Andriamanitra ny ainy? [9]Moa ho henon'Andriamanitra ny fitarainany rehefa tonga aminy ny fahoriana? [10]Moa hampiravoravo ny tenany amin'ilay Tsitoha izy ary hiantso an'Andriamanitra amin'ny fotoana rehetra?
[11]Hampianatra anareo mahakasika ny tanan'Andriamanitra aho; ary tsy hanafina ny eritreritr'ilay Tsitoha aho. [12]Indro, ianareo rehetra mihitsy no nahita ity; koa nahoana ary ianareo no niteny izao zavatra tsy misy dikany rehetra izao?
[13]Izao no anjaran'ny olona ratsy fanahy amin'Andriamanitra, ny lovan'ny mpampahory izay raisiny avy amin'ilay Tsitoha:
[14]Raha mihamaro ny zanany, dia ho an'ny sabatra izany; tsy ho ampy sakafo mihintsy ny taranany.
[15]Ireo izay sisa velona amin'izany dia halevin'ny areti-mandringana, ary ny vady navelan'izy ireo tsy mba mitomany azy ire. [16]Na dia manangona volafotsy toy ny vovoka aza ny olona ratsy fanahy, ary manangona fitafiana toy ny tanimanga,
[17]dia mety hanangona fitafiana ihany izy, fa ny olona marina no hitafy izany, ary ny olona tsy manan-tsiny hizara ny volafotsy eo amin'izy ireo.
[18]Manangana ny tranony toy ny hala izy, toy ny trano bongo izay ataon'ny mpiambina. [19]Mandry ao am-pandriana amin'ny fananan-karena izy, saingy tsy hijanona amin'izany izy; manokatra ny masony izy, ary lasa ny zavatra rehetra.
[20]Mandrendrika azy toy ny rano ny horohoro; maka azy amin'ny alina ny tafio-drivotra. [21]Entin'ny rivotra avy any atsinanana izy, ary lasa; mamafa azy tsy ho eo amin'ny toerany izany.
[22]Mampifatratra ny tenany any aminy izany ary tsy mijanona; miezaka ny mitsoaka miala ny tanany izy. [23]Miteha-tanana azy amin'ny fanesoana izany; misiotsioka azy hiala amin'ny toerany izany.

28 [1]Azo antoka fa misy toeram-pitrandrahana volafotsy, toerana izay fanadiovan'izy ireo volamena. [2]Ny vy dia nalaina avy amin'ny tany; ny varahina dia mitsonika miala avy amin'ny vato.
[3]Mampisava ny aizina olona ka mikaroka, hatrany amin'ny fetra lavitra indrindra, ny vato any anaty aizina sy aizin-kitroka. [4]Mihady lavaka miala ny toerana honenan'ny olona izy, toerana izay efa nadinoin'ny olona. Mihantona lavitra ny olona izy; mitsingevaheva etsy sy eroa izy.
[5]Raha ny amin'ny tany, izay ivoahan'ny mofo, dia mivadika ao ambany toy ny tamin'ny alalan'ny afo izany. [6]Ny vaton'izany no toerana ahitana ireo safira, ary ny vovony dia misy volamena.
[7]Tsy misy vorona mpihaza mahafantatra ny lalana mankao, na ny mason'ny voromahery ka mahita izany. [8]Tsy nisy bibidia matanjaka ka nandia ny lalana tahaka izany, na liona masiaka ka nandalo teo.
[9]Ny olona dia mametraka ny tanany eo ambony vato karangana; avadiny hatrany amin'ny fakany ny tendrombohitra.
[10]Manapaka fantsona eo amin'ireo vatolampy izy; mahita ny zava-tsarobidy rehetra ao ny masony. [11]Manentsina ny riaka mba tsy hikoriana izy; izay miafina ao amin'izany dia havoakany ho amin'ny mazava.
[12]Aiza no hahitana ny fahendrena? Aiza ny toeran'ny fahazavan-tsaina? [13]Ny olona dia tsy mahafantatra ny vidiny; ary tsy hita eo amin'ny tanin'ny velona izany. [14]Ny rano lalina ambanin'ny tany manao hoe: 'Tsy ato amiko izany'; ny ranomasina manao hoe: 'Tsy aty amiko izany.'
[15]Tsy azom-bolamena izany; na ny volafotsy aza tsy azo lanjaina ho vidiny. [16]Tsy mahatombana azy ny volamenan'i Ofira, mbamin'ny beryla sarobidy na safira. [17]Ny volamena sy ny vato krystaly dia tsy azo ampitahaina amin'ny lanjany; ary tsy afaka atakalo amin'ny firavaky ny volamena voadio izany.
[18]Tsy ho lazaina akory ny lanjan'ny haran-dranomasina na ny jaspy; eny tokoa, ny vidin'ny fahendrena dia mihoatra noho ny ruby. [19]Ny topazan'i Etiopia dia tsy mifampitaha aminy; na ny tena volamena aza tsy afaka sandaina amin'izany.
[20]Koa avy aiza ary, no hiavian'ny fahendrena? [21]Aiza no toeran'ny fahazavan-tsaina? Ny fahendrena dia miafina amin'ny mason'ny zava-manan'aina rehetra ary afenina an'ireo voron'ny habakabaka. [22]Ny Faharavana sy Fahafatesana dia miteny hoe: 'Tsaho ihany no ren'ny sofinay ny amin'izany.'
[23]Andriamanitra mahalala ny lalana mankany; fantany ny toeran'izany. [24]Satria Izy mijery hatrany amin'ny fara-vazan-tany ary mahita ny ambanin'ny lanitra rehetra. [25]Nanao ny herin'ny rivotra Izy ary namaritra ny rano araka ny refiny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Nanao didy ho an'ny orana Izy ary lalana ho an'ny tselatry ny kotrok'orana. [27]Dia nahita ny fahendrena Izy ka
nanambara izany; nametraka izany Izy, eny tokoa, nandinika izany Izy. [28]Hoy Izy tamin'ny olona hoe: 'Indro, ny
fahatahorana ny Tompo—izany no fahendrena; ny fialana amin'ny ratsy no fahazavan-tsaina.'"

29 [1]Nanohy niteny Joba ary nanao hoe: [2]"Eh, raha mba toy ny tamin'ireny volana lasa fony nikarakaran'Andriamanitra
ahy ireny mantsy aho, [3]fony namirapiratra teo an-dohako ny jirony, ary fony namakivaky ny aizina tamin'ny
fahazavany aho.
[4]Eh, raha mba toy ny tamin'ny andron'ny fatoizako fony ny fisakaizan'Andriamanitra tao an-tranoko ireny mantsy aho;
[5]fony mbola niaraka tamiko ny Tsitoha, ary mbola nanodidina ahy ireo zanako, [6]fony voarakotra ronono ny lalako, ary ny
vatolampy nandrotsaka rian-diloilo ho ahy!
[7]Raha nivoaka ny vavahadin'ny tanàna aho, raha nipetraka tamin'ny toerako teo an-kianjan'ny tanàna aho, [8]dia nahita
ahy ary nijanona lavitra ahy tamim-panajana ireo tovolahy, ary ny olona antitra nitsangana ka nijoro ho ahy.
[9]Nijanona tsy niteny ny andriandahy rehefa tonga aho; nanampina ny vavany tamin'ny tanany izy ireo. [10]Nangina ny
feon'ireo olo-manan-kaja, ary niraikitra teo amin'ny lanilaniny ny lelan'izy ireo.
[11]Fa rehefa avy nandre ahy ny sofiny, dia nitso-drano ahy izy ireo; rehefa avy nahita ahy ny masony, dia nijoro
vavolombelona ho ahy sy nanaiky ahy izy ireo [12]satria nanavotra ny olona izay nahantra aho rehefa nitaraina izy, ary ny
olona izay kamboty ray rehefa tsy nanana na iza na iza hanampy azy izy. [13]Ny tso-dranon'izay efa ho faty dia tonga
tamiko; nahatonga ny fon'ireo mpitondrantena hihira fifaliana aho.
[14]Mitafy fahamarinana aho, ary nampitafy ahy izany; ny fahamarinana dia toy ny akanjo lava sy satroka. [15]Maso ho
an'ireo olona jamba aho; tongotra ho an'ireo olona malemy aho. [16]Ray ho an'ireo olona ory aho; nandinika ny ady aho na
dia ny an'ny olona izay tsy fantatro aza.
[17]Namotika ny valanoranon'ny olona tsy marina aho; nanongotra ny niharam-boina avy teo amin'ny nifiny aho. [18]Dia hoy
aho hoe: 'Ho faty ao amin'ny akaniko aho; hampitombo ireo androko toy ny vovom-pasika aho. [19]Misandrahaka eo
amin'ny rano ireo fakako, ary ny ando nitoetra teo amin'ireo rantsako ny alina tontolo.
[20]Ny voninahitra ao amiko dia vaovao lalandava, ary ny tsipìkan'ny heriko dia vaovao lalandava eo an-tanako.' [21]Nihaino
ahy ireo olona; niandry ahy izy ireo; nangina mba hihaino ny toro-hevitro izy ireo. [22]Rehefa vita ny teniko, dia tsy niteny
intsony izy ireo; nitete toy ny rano teo amin'izy ireo ny teniko.
[23]Niandry ahy lalandava toy ny niandry orana izy ireo; nampisanasana ny vavany izy ireo mba hisotro ny teniko, tahaka
izay hataon'izy ireo amin'ny fara-orana. [24]Nitsiky tamin'izy ireo aho rehefa tsy nanampo izany izy ireo; tsy mba nandà ny
fahazavan'ny tavako izy ireo.
[25]Nifidy ny lalan'izy ireo aho ary nipetraka ho lehibeny; niaina toy ny mpanjaka omban'ny tafiny aho, toy ny olona izay
mampionona ireo mpisaona.

30 [1]Ankehitriny ireo izay tanora noho izaho dia tsy manana na inona na inona afa-tsy fanesoana ho ahy— dia ireo
tovolahy izay tsy navelako hiasa eo akaikin'ny amboan'ny biby fiompiko ny rain'izy ireo. [2]Eny tokoa, ny herin'ny
tanan'ireo rainy, ahoana no nahafahan'izany nanampy ahy— ireo lehilahy izay foana ny herin'ny taonan'ny
fahamatoran'izy ireo? [3]Nahia nohon'ny fahantrana sy ny hanoanana izy ireo; nihinana tamin'ny tany maina anaty
aizin'ny tany efitra sy rava izy ireo.
[4]Nioty tsimon-kazo mangidy sy ravin-boaroy izy ireo; ny fakan'ny anjavidy no sakafon'izy ireo. [5]Noroahina tsy ho eo
amin'ny olona izay nanakora azy ireo tahaka ny fanakoran'ny olona iray ny mpangalatra izy ireo. [6]Koa tsy maintsy
nonina tany an-dohasahan-driaka izy ireo, tao an-davaky ny tany sy ny vatolampy.
[7]Naneno toy ny ampondra teo amin'ireo voaroy izy ireo; ary tao ambanin'ireo voaroy no niarahan'izy ireo niangona.
[8]Zanak'adala izy ireo, eny tokoa, zanak'olona tsy manan-kaja izy ireo! Noroahina hiala tamin'ny tany tamin'ny karavasy
izy ireo.
[9]Fa ankehitriny, lasa hira fanesoana ho an'ireo zanany aho; eny tokoa, lasa fihomehezana ho azy ireo aho ankehitriny.
[10]Mankahala ahy sy mijoro lavitra ahy izy ireo; ary tsy mitsahatra ny mandrora ny tavako. [11]Fa Andriamanitra namaha ny
tady tamin'ny tsipìkako sy nampahory ahy, ary ireo izay manaratsy ahy dia nanipy ny fanereny teo anatrehan'ny tavako.
[12]Eo amin'ny tanana an-kavanako no hitsanganan'ny androvolahy; mandroaka ahy izy ireo ary manao dongon-tany
hanao fahirano ahy. [13]Ravàn'izy ireo ny lalako; atosik'izy ireo ho eo amiko ny loza, dia ireo lehilahy izay tsy misy na iza na
iza hitazona azy ireo.
[14]Tonga hanohitra ahy toy ny tafika avy amin'ny lavaka lehibe iray eo amin'ny mandan'ny tanàna izy ireo; eo afovoan'ny
ny faharinganana no anakendain'izy ireo ahy. [15]Mitodika amiko ny fampihorohoroana; notsofina toy ny entin'ny rivotra
ny voninahitro; levona toy ny rahona ny fanambinako.
[16]Ankehitriny dia mivoaka avy ao anatiko ny aiko; androm-pijaliana maro no nihazona ahy. [17]Voatrobaka ny taolako ato
anatiko amin'ny alina; tsy mitsahatra ireo fanaintainana izay mihatra amiko.
[18]Naka ny fitafiako ny herin'Andriamanitra lehibe; manodidina ahy toy ny vozon'ny akanjoko izany. [19]Nanipy ahy tao
anaty fotaka izy; lasa toy ny vovoka sy lavenona aho.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Mitaraina aminao aho, ry Andriamanitra, fa tsy mamaly ahy Ianao; mitsangana aho, fa mijery ahy fotsiny Ianao. [21]Niova Ianao ary lasa lozabe tamiko; amin'ny herin'ny tananao no anenjehanao ahy.
[22]Manandratra ahy eo amin'ny rivotra Ianao ka mampitondra azy ahy; mampivezivezy ahy anaty tafio-drivotra Ianao.
[1][23]Fa fantatro fa hitondra ahy ho amin'ny fahafatesana Ianao, ho amin'ny trano izay voalahatra ho an'ny zava-manan'aina rehetra.
[24]Na izany aza, moa ve tsy misy na iza na iza maninjitra ny tanany hitalaho famonjena rehefa lavo izy? Moa ve tsy misy olona manana olana ka miantso vonjy? [25]Tsy nitomany ho an'izay tra-pahoriana ve aho? Ary tsy nalahelo ny olona ory ve aho? [26]Rehefa nikatsaka ny tsara aho, dia ny ratsy no tonga; rehefa niandry ny hazavana aho, dia ny aizina indray no tonga.
[27]Ory ny foko ary tsy manam-pitsaharana; tonga tamiko ireo andron'ny fahoriana. [28]Efa nandehandeha toy ny olona izay nonina tao anaty aizina aho, fa tsy nohon'ny masoandro; mijoro ao amin'ny fiangonana aho ary mihiaka famonjena.
[29]Rahalahin'ireo amboadia aho, naman'ireo ostritsa.
[30]Mainty ny hoditro sady miendaka amiko; doran'ny hafanana ny taolako. [31]Noho izany dia mifanaraka amin'ny hira fisaonana ny lokangako, ary ny sodiko ho an'ny hiran'ireo izay mitomany.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany amin'izao dia manao hoe: "Manafoana ahy amin'ny tafio-drivotra Ianao."

---

31 [1]Efa nanao fanekena tamin'ny masoko aho; koa ataoko ahoana ny hijery ombam-pitsiriritana ny virijiny? [2]Fa inona no anjara avy amin'Andriamanitra ambony, ilay lova avy amin'ilay Tsitoha any amin'ny avo indrindra?
[3]Nieritreritra foana aho fa ny loza dia ho an'ny olona tsy marina, ary ny fahoriana no ho an'ny mpanao ratsy. [4]Moa tsy hitan'Andriamanitra ve ny lalako ary isainy ny diako rehetra?
[5]Raha nandeha tamin'ny lainga aho, raha nandeha faingana ho amin'ny fitaka ny tongotro, [6]dia aoka aho ho lanjaina amin'ny mizana mba hahafantaran'Andriamanitra ny fahitsiako.
[7]Raha niala tamin'ny lala-marina ny diako, raha nandeha nanaraka ny masoko ny foko, raha nisy pentina nandoto ny tanako, [8]dia aoka aho hamafy ary aoka hihinana ny hafa; eny tokoa, aoka ho fongorana amin'ny sahako ny vokatra.
[9]Raha voafitaky ny vehivavy ny foko, raha nandry tam-piandrasana teo am-baravaran'ny mpiara-belona tamiko ny vadiny aho, [10]dia aoka ny vadiko hitoto vary ho an'ny lehilahy hafa, ary aoka ireo hafa hiankohoka eo aminy.
[11]Fa ho heloka bevava mahatsiravina izany; eny tokoa, ho heloka bevava ho sazian'ny mpitsara izany. [12]Satria izany dia afo izay mandevona ny zavatra rehetra ho an'ny Fianinan-tsy hita sy handoro ny vokatro rehetra.
[13]Raha tsy niraharaha ny fangatahana rariny avy tamin'ny mpanompoko lahy na vavy aho rehefa niady hevitra tamiko izy ireo, [14]dia inona ary no hataoko rehefa mitsangana hiampanga ahy Andriamanitra? Rehefa ho avy hitsara ahy Izy, dia ahoana no havaliko Azy? [15]Moa ilay iray izay nanao ahy tao am-bohoka tsy nanao azy ireo koa? Moa tsy iray ihany no namolavola anay rehetra tao am-bohoka?
[16]Raha nanakana ny olona mahantra tamin'ny fanirian'izy ireo aho, [17]na raha nanapahina ny mason'ny mpitondratena tamin'ny fitomaniana, na raha nihinana ny sombin-kaniko irery aho ary tsy namela ireo izay kamboty hihinana izany koa— [18]satria nihalehibe niaraka tamiko toy ny niaraka tamin'ny ray hatramin'ny fahazazako ny zaza kamboty, ary nitarika ny reniny aho, izay mpitondratena, avy tao an-kibon-dreniko.
[19]Raha nahita olona efa ho faty nohon'ny tsy fananana akanjo aho, na raha nahita mahantra tsy nanana akanjo; [20]raha tsy nisaotra ahy ny fony noho izy tsy nafana tamin'ny volon'ondriko, [21]raha nanandratra ny tanako hanohitra ny olona kamboty aho satria nahita ny fanohanako teo am-bavahadin'ny tanàna, dia mitondrà fiampangana ahy!
[22]Raha nanao ireo zavatra ireo aho, dia aoka ny soroko hianjera hiala amin'ny taolan-tsoroko, ary aoka ny sandriko ho tapaka amin'ny tonon-taolany. [23]Satria natahotra ny fahapotehana avy amin'Andriamanitra aho; nohon'ny voninahiny, dia tsy afaka nanao ireo zavatra ireo aho.
[24]Raha nanao ny volamena ho fanantenako aho, ary raha niteny tamin'ny volamena tsara aho hoe: 'Ianao no atokisako';
[25]raha nifaly nohon'ny halehiben'ny hareko aho, satria nahazo fananana maro ny tanako, dia mitondrà fiampangana ahy!
[26]Raha nahita ny masoandro aho rehefa namirapiratra izany, na ny volana mandehandeha amin'ny famirapiratany, [27]ary raha voasarika mangingina ny foko, hany ka nanoroka ny tanako mba hiderana azy ireo ny molotro— [28]dia ho heloka bevava hosazian'ireo mpitsara ihany koa izany, satria efa nandà ilay Andriamanitra izay ao ambony aho.
[29]Raha nifaly tamin'ny fahapotehan'izay nankahala ahy aho na niarahaba tena rehefa tratran'ny loza izy, dia mitondrà fiampangana ahy! [30]Eny tokoa, tsy navelako hanota akory ny vavako tamin'ny fangatahana ny ainy tamin'ny ozona.
[31]Raha tsy mbola niteny mihintsy ireo olona ao amin'ny laiko hoe: 'Iza no afaka mahita ilay tsy vokin'ny sakafon'i Joba?'
[32](na ny vahiny aza dia tsy voatery nijanona teo an-kianjan'ny tanàna, satria nanokatra ny varavarako ho an'ny mpandeha foana aho), ary raha tsy izany, dia mitondrà fiampangana ahy!
[33]Raha, nanafina ireo fahotako tamin'ny fanafenana ny heloko tao anatin'ny akanjo lavako, toy ny olombelona aho
[34](satria natahotra ny maro an'isa aho, satria nampihorohoro ahy ny tsy firarahian'ny fianakaviana, hany ka nangina aho ary tsy nandeha tany ivelany), dia mitondrà fiampangana ahy!
[35]Indrisy, raha mba nisy olona nihaino ahy mantsy! Indro, inty ny soniako; aoka hamaly ahy ilay Tsitoha! Raha mba nanana ny fiampangana izay nosoratan'ny mpanohitra ahy mantsy aho! [36]Hitondra izany eo an-tsoroko tokoa aho,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hanaovako tahaka ny satro-boninahitra izany. [37]Hanambara aminy ny isan'ny diako aho; tahaka ny andriandahy mahatoky no hiakarako any aminy.
[38]Raha mitaraina manohitra ahy ny taniko, ary miara-mitomany ny baingany, [39]raha nihinana ny vokany nefa tsy nandoa izany aho na nahatonga ireo tompony hamoy ny ain'izy ireo, [40]dia aoka ireo tsilo no haniry fa tsy vary ary tsimparifary fa tsy vary ordea." Tapitra ny tenin'i Joba.

32 [1]Dia nitsahatra tsy namaly an'i Joba intsony ireo telo lahy ireo satria marina teo imasony ihany izy. [2]Ary dia nirehitra ny fahatezeran'i Eliho zanaka lahin'i Barakela ilay Bozita, avy amin'ny fokon'ny Rama; nirehitra tamin'i Joba izany satria nanamarina ny tenany izy raha tokony ho Andriamanitra.
[3]Nirehitra tamin'izy telo lahy namany ihany koa ny fahatezeran'i Eliho satria tsy nahita teny havaly an'i Joba izy ireo, ary mbola nomelohin'izy ireo ihany i Joba. [4]Ary Eliho dia niandry ny hiresaka tamin'ny Joba satria ireo lehilahy hafa ireo dia lehibe noho izy. [5]Kanefa, rehefa hitan'i Eliho fa tsy nisy teny havaly an'i Joba teo ambavan'izy telo lahy ireo, dia nirehitra ny fahatezerany.
[6]Ary Eliho zanaka lahin'i Barakela ilay Bozita niteny mafy ka nanao hoe: "Tanora aho, ary ianareo dia efa tena antitra. Ka izany antony nisalasalako ka tsy nasahiako nilaza taminareo ny hevitro manokana. [7]Hoy aho hoe: "Ny halavan'ny andro no tokony hiteny; ny taona maro no tokony hampianatra fahendrena.
[8]Kanefa misy fanahy ao amin'ny olona; ny fofonain'ilay Tsitoha no manome azy fahazavan-tsaina. [9]Tsy izay olona lehibe ihany no hendry, na ireo olona nahazo taona ihany no mahatakatra ny rariny. [10]Noho izany dia hoy aho aminareo hoe: 'Henoy aho; hambarako aminareo ihany koa ny fahalalako.'
[11]Indro, niandry ny teninareo aho; nihaino ny fandresen-dahatrareo aho raha nieritreritra izay ho lazaina ianareo.
[12]Nihaino tsara anareo tokoa aho, kanefa, indro, tsy nisy na dia iray taminareo aza afaka nandresy lahatra an'i Joba na afaka namaly ireo teniny.
[13]Tandremo mba tsy hilaza hoe: 'Efa nahita fahendrena izahay!' Andriamanitra dia tsy maintsy handresy an'i Joba; raha olon-tsotra tsy afaka ny hanao izany. [14]Satria i Joba tsy niteny mivantana tamiko, dia tsy hamaly azy amin'ny teninareo aho.
[15]Tsy nahaloa-bava ireo telo lahy ireo; tsy nahavaly an'i Joba intsony izy ireo; tsy manana teny ho lazaina intsony izy ireo.
[16]Tokony hiandry ve aho satria tsy miteny izy ireo, satria mitsangana eo izy ireo ka mangina ary tsy mamaly intsony?
[17]Tsia, hamaly amin'ny anjarako koa aho; ho lazaiko azy ireo ihany koa ny fahalalako. [18]Satria manana teny maro ho lazaina aho; ny fanahy izay ato anatiko no manery ahy. [19]Indro, tahaka ny divay milona izay tsy misy hivoahany ny tratrako; tahaka ny siny hoditra vaovao, izay efa hitriatra.
[20]Ary hiteny aho mba hahavelombelon'aina ahy; hanokatra ny molotro aho ka hamaly. [21]Tsy haneho fiangarana aho; ary tsy hanome fiantsoana mihaja na amin'iza na amin'iza. [22]Satria tsy haiko ny manome fiantsoana toy izany; raha nanao izany aho, dia haka ahy tsy ho ela ny Mpahary ahy.

33 [1]Koa ankehitriny, ry Joba, miangavy anao aho, mandrenesa ny lahateniko; henoy ny teniko rehetra. [2]Indro ankehitriny, efa manokatra ny vavako aho; efa miteny tao am-bavako ny lelako. [3]Avy amin'ny fahitsian'ny foko ny teniko; manambara fahalalana madio ny molotro.
[4]Ny Fanahin'Andriamanitra no nanao ahy; ny fofonain'ilay Tsitoha no nanome fahavelomana ahy. [5]Raha azonao atao, valio aho; alaharo eto anatrehako ny teninao ka mitsangàna.
[6]Indro, tahaka anao ihany aho eo imason'Andriamanitra; namboarina avy tamin'ny tanimanga ihany koa aho. [7]Indro, tsy hampatahotra anao ny horohoroko; na havesatra anao ny tsindriko.
[8]Niteny teo an-tsofiko tokoa ianao; reko ny feon'ny teninao nanao hoe: [9]"Madio aho ary tsy misy heloka; tsy manan-tsiny aho, ary tsy misy ota ato amiko.
[10]Indro, mahita irika hamelezana ahy Andriamanitra; raisiny ho toy ny fahavalony aho. [11]Hapetrany amin'ny boloky hazo ny tongotro; dinihiny avokoa ny lalako.' [12]Indro, amin'izao no mahadiso anao—hamaly anao aho, satria lehibe noho ny olona Andriamanitra.
[13]Nahoana ianao no miady aminy? Tsy manisa na inona na inona amin'izay ataony Izy. [14]Fa miteny indray mandeha Andriamanitra—eny, indroa, na dia tsy tsikaritry ny olona aza izany. [15]Ao anaty nofy, ao anaty fahitana amin'ny alina, rehefa tonga amin'ny olona ny torimaso lalina, rehefa ao anaty faharendrehana eo am-pandriana—
[16]dia manokatra ny sofin'ny olona Andriamanitra, ary mampitahotra azy ireo amin'ny horohoro, [17]mba hisintonana ny olona hiala amin'ny tanjony feno fahotana, sy hanalavirana ny fieboeboana aminy. [18]Andriamanitra no miaro ny ain'ny olona amin'ny lavaka, ny ainy tsy hiampita ho any amin'ny fahafatesana.
[19]Faizina amin'ny fanaintainana eo am-pandriany ihany koa ny olona, miaraka amin'ny fangirifiriana tsy miato ao amin'ny taolany, [20]mba hankahala hanina ny ainy, ary hankahala hanim-py ny fanahiny.
[21]Levona ny nofony mba tsy ho hita; ny taolany, izay tsy hita fahiny, dia mitrakitraky ankehitriny. [22]Eny tokoa, manakaiky lavaka ny fanahiny, ary ny ainy akaikin'ireo izay maniry ny hamotika izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Saingy raha misy anjely iray afaka ny ho mpanelanelana ho azy, dia mpanelanelana iray, avy amin'ireo anjely an'alinalina, mba hampiseho azy izay mety hatao, [24]ary raha malemy fanahy aminy ilay anjely ka miteny amin'Andriamanitra hoe: 'Vonjeo mba tsy hidina any an-davaka ity olona ity; fa nahita vidim-panavotana ho azy aho,'
[25]ary dia hanjary ho vaovao noho ny an'ny zaza ny nofony; dia hiverina amin'ny andro tamin'ny herin'ny fahatanorany izy. [26]Hivavaka amin'Andriamanitra izy, ary halemy fanahy aminy Andriamanitra, mba hahitany ny tavan'Andriamanitra amin'ny fifaliana. Homen'Andriamanitra an'ilay olona ny fandreseny.
[27]Dia hihira eo anoloan'ny olona hafa izany olona izany ka hanao hoe: 'Nanota aho ka namadika izay marina, saingy tsy nofaizina ny fahotako. [28]Namonjy ny fanahiko tsy hidina any an-davaka Andriamanitra; hahita fahazavana hatrany ny fiainako.'
[29]Indro, manao ireo zavatra ireo amin'ny olona iray Andriamanitra, indroa, eny, intelo aza, [30]mba hitondra ny fanahiny hiverina avy any an-davaka, mba ho hazavaina amin'ny fahazavan'aina izy.
[31]Mitandrema, ry Joba, ary mihainoa ahy; mangina dia hiteny aho. [32]Raha misy hambara ianao, dia valio aho; mitenena, fa maniry ny hanaporofo aho fa marina ianao. [33]Raha tsy izany, dia henoy aho; mangina, dia hampianariko fahendrena ianao."

34 [1]Fanampin'izay, dia mbola niteny i Eliho hoe: [2]"Henoy ny teniko, ry lehilahy hendry; henoy aho, ianareo izay manana fahalalana. [3]Fa ny sofina dia mandre ny teny toy ny hatsapan'ny lela ny tsiron-kanina.
[4]Aoka isika hisafidy izay rariny ho antsika: aoka isika samy hahita ny tsara eo amintsika. [5]Fa i Joba nilaza hoe: 'Marina aho, fa nalan'Andriamanitra ny zoko. [6]Na inona na inona zoko, dia raisina ho mpandainga aho. Tsy azo sitranina ny ratrako, na dia tsy nanota aza aho.'
[7]Fa lehilahy inona i Joba, izay misotro ny fanamavoana toy ny rano, [8]izay mandeha etsy sy eroa miaraka amin'ireo mpanao ratsy, ary miray lalana amin'ny olona ratsy fanahy? [9]Fa efa nilaza izy hoe: 'Tsy hahazoan'ny olona tombony ny miravoravo amin'ny fanaovana izay tian'Andriamanitra.'
[10]Ka henoy aho, ry lehilahy manana fahazavan-tsaina: sanatria amin'Andriamanitra anie ny hanao ratsy; sanatria amin'ilay Tsitoha anie ny hanota. [11]Satria mamaly ny asan'ny olona izy; ataony tody amin'ny valisoan'ny lalana nosafidiany ny olona rehetra. [12]Eny tokoa, tsy mba manao ratsy Andriamanitra, na hamadika ny rariny mandrakizay ny Tsitoha.
[13]Iza no nampiandraikitra azy ny tany? Iza no nametraka ny tany iray manontolo teo ambaniny? [14]Raha izy ihany no hifantohan'ny tenany, ary raha mamerina manangona ny fanahiny sy ny fofonainy aminy ihany izy, [15]dia hiaraka ho lo avokoa ny nofo rehetra; ary hiverina ho vovoka indray ny olombelona.
[16]Raha manana fahazavan-tsaina ianao ankehitriny, dia henoy izao; henoy ny feon'ny teniko. [17]Afaka ny hitondra ve ny olona iray izay mankahala ny rariny? Ho helohinao ve Andriamanitra, izay marina sy mahery?
[18]Andriamanitra, izay milaza amin'ny mpanjaka hoe: 'Maharikoriko ianao,' na koa milaza amin'ireo manan-kaja hoe: 'ratsy fanahy ianareo'? [19]Andriamanitra, izay tsy miangatra amin'ireo mpitondra ary tsy manome lanja ireo mpanan-karena mihoatra ireo mahantra, satria asan'ny tanany avokoa izy ireo. [20]Ao anatin'ny fotoana fohy izy ireo dia ho faty; amin'ny sasak'alina dia ho voahozongozona ny olona ary ho faty; ho alaina ihany koa ny olona mahery, saingy tsy amin'ny tanan'olombelona.
[21]Fa ny mason'Andriamanitra dia eo amin'ny lalan'ny olona; hitany avokoa ireo dingana ataony. [22]Tsy misy aizina, na aizim-pito hiafenan'ireo mpanao ny tsy rariny. [23]Fa tsy mila mandinika ny olona intsony Andriamanitra; tsy misy antony handehanan'ny olona ho tsaraina eo anatrehany.
[24]Potipotehiny ireo lehilahy mahery nohon'ny lalan'izy ireo izay tsy hilàna fanadihadiana intsony; hapetrany amin'ny toerany avy ny hafa. [25]Ary izany no hahafantarany ny asan'izy ireo; amin'ny alina no handravany ireo olona ireo; ringana izy ireo.
[26]Eo imason'ny hafa, vonoiny toy ny jiolahy izy ireo nohon'ny asa ratsy vitany [27]satria nivadika tsy nanaraka Azy izy ireo ary tsy nety nanaiky na iray aza tamin'ny lalany. [28]Tamin'izany, dia nataon'izy ireo tonga teo aminy ny tomanin'ireo mahantra; ary reny ny tomanin'ireo olona nampahoriana.
[29]Rehefa mangina Izy, iza no afaka hanameloka Azy? Raha hafeniny ny tavany, iza no hahita Azy? Mitovy ny fanapahany ny firenena sy ny tsirairay, [30]mba tsy ho afaka hanapaka ny olona mpaniratsira, mba tsy hisy na iray aza hamandrika ny olona.
[31]Raha atao hoe misy olona iray milaza amin'Andriamanitra hoe: 'Meloka tokoa aho, fa tsy hanota intsony; [32]ampianaro ahy ny zavatra tsy mety hitako; nanota aho, fa tsy hamerina izany intsony.'[33]Dia mihevitra ve ianao fa ho sazian'Andriamanitra nohon'ny otan'izany olona izany, satria tsy tianao ny ataon'Andriamanitra? Aoka ianao no hisafidy, fa tsy izaho. Ka lazao izay fantatrao.
[34]Ny olona manana fahazavan-tsaina dia hilaza amiko hoe— eny tokoa, izay lehilahy hendry rehetra mandre ahy dia hiteny hoe: [35]'Miteny tsy am-pahalalana i Joba; tsy misy fahendrena ny teniny.'
[36]Raha mba notsaraina tamin'ny antsipirihiny kely indrindra tamin'ny tranga nahazo azy mantsy i Joba nohon'ny firesany toy ny olona ratsy fanahy. [37]Fa ampiany fikomiana ny fahotany; miteha-tanana am-panesoana eo afovoantsika izy; manangona teny anoherana an'Andriamanitra izy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

35 [1]Ho fanampin'izany i Eliho dia mbola nanohy, niteny hoe: [2]"Mihevitra ve ianao fa marina izany rehefa milaza ianao
hoe: 'Ny zoko eo anatrehan'Andriamanitra?' [3]Satria ianao nanontany hoe: 'Inona no asan'izany amiko?' sy hoe: 'Ho
tsara kokoa ve aho raha nanota?'
[4]Hamaly anao aho, ianao sy ireo sakaizanao. [5]Jereo ny lanitra, dia jereo izany; jereo ny lanitra, izay avo noho ianao.
[6]Raha nanota ianao, dia inona no ratsy nataonao an'Andriamanitra? Raha miangona loatra ny fandikan-dalànao, dia
inona no ataonao Aminy? [7]Raha marina ianao, dia inona no afaka homenao Azy? Inona no ho raisiny avy amin'ny
tananao? [8]Ny faharatsianao dia mety handratra olona iray, amin'ny maha-olona anao, ary ny fahamarinanao dia mety
hahasoa ny zanaky ny olona hafa.
[9]Nohon'ny asa fampahoriana maro, dia mitaraina ny olona; mila vonjy avy eo an-tsandrin'ireo olona mahery izy ireo. [10]Fa
tsy misy na iza na iza miteny hoe: 'Aiza Andriamanitra ilay Mpahary ahy, izay manome hira amin'ny alina, [11]izay
mampianatra bebe kokoa antsika noho ny hampianarany ireo bibidian'ny tany, ary izay manao antsika ho hendry noho
ireo voron'ny lanitra?'
[12]Any izy ireo no mitaraina, fa Andriamanitra tsy manome valiny azy ireo nohon'ny fieboebon'ny olon-dratsy. [13]Tsy
handre ny fitomaniana adala tokoa Andriamanitra; tsy hiraharaha izany ilay Tsitoha. [14]Akory ny hakelin'ny hamaliany
anao raha milaza ianao fa tsy mahita Azy, fa ny adinao dia eo anatrehany, ary miandry Azy ianao!
[15]Akory ny hakelin'ny hamaliany anao raha milaza ianao fa tsy manafay na iza na iza amim-pahatezerana mihintsy Izy,
ary tsy miraharaha loatra ny avonavon'ny olona Izy. [16]Koa nanokatra ny vavany mba hiteny fahadalana fotsiny ihany i
Joba; nanangona teny tsy am-pahalalana izy."

36 [1]Nanohy ihany Eliho ary niteny hoe: [2]"Mamelà ahy hiteny lavalava kokoa, dia haneho zavatra anao aho satria mbola
misy kely ho teneniko ho fiarovana an'Andriamanitra. [3]Hahazo ny fahalalako avy lavitra aho; hiaiky aho fa ny
fahamarinana dia an'ny Mpahary ahy.
[4]Fa eny tokoa, tsy ho diso ireo teniko; olona matotra ao amin'ny fahalalana no eto aminao. [5]Indro, Andriamanitra dia
mahery, ary tsy mamingavinga na iza na iza; mahery amin'ny herin'ny fahazavan-tsaina Izy.
[6]Tsy miaro ny ain'ny olona ratsy fanahy Izy fa kosa manao izay marina ho an'ireo izay mijaly. [7]Tsy manala ny masony
amin'ireo olona marina Izy fa kosa mametraka azy ireo mandrakizay eo amin'ireo seza fiandrianana toy ny mpanjaka, ka
misandratra izy ireo.
[8]Raha voafatotra tamin'ny rojo ary voafandrika tamin'ny tadin'ny fampijaliana izy ireo, [9]dia ambarany amin'izy ireo izay
nataony, sy ny helok'izy ireo ary ny fieboeboan'izy ireo.
[10]Manokatra ny sofin'izy ireo ho amin'ny fampianarany ihany koa Izy, ary mandidy azy ireo mba hiala amin'ny heloka.
[11]Raha mihaino Azy sy manompo Azy izy ireo, dia handany ny andron'izy ireo amin'ny fanambinana, sy ny taonan'izy
ireo amin'ny fifaliana. [12]Na izany aza, raha tsy mihaino izy ireo, dia ho vonoina amin-tsabatra; ho faty izy ireo satria tsy
manam-pahalalana.
[13]Mitahiry ny hatezerany ireo izay mpaniratsira am-po; tsy miantso vonjy izy ireo na dia mamatotra azy ireo aza
Andriamanitra. [14]Maty eo amin'ny fahatanorany izy ireo; tapitra eo amin'ireo mpijangajanga amin'ny fivavahana ny
andron'izy ireo.
[15]Andriamanitra mamonjy ireo olona nampahoriana amin'ny alalan'ny fahorian'izy ireo; manokatra ny sofin'izy ireo
amin'ny alalan'ny fampahoriana azy ireo Izy. [16]Eny tokoa, te-hanala anao amin'ny fahoriana ho any amin'ny toerana
malalaka izay tsy misy zava-tsarotra sy izay androsoana sakafo feno sabora amin'ny latabatrao Izy.
[17]Nefa ianao dia feno fitsaràna ny olona ratsy fanahy; nitana anao ny fitsaràna sy ny rariny. [18]Aza avela hitaona anao ho
amin'ny fanesoana ny hatezeranao, na hampivily anao ny halehiben'ny vidim-panavotana.
[19]Afaka manome tombony anao ve ny harenao, mba tsy ho ao anatin'ny fahoriana ianao, sa afaka manampy anao ve ny
herin'ny fahatanjahanao rehetra? [20]Aza maniry ny alina, mba hanotana hanoherana ireo hafa, rehefa esorina eo amin'ny
toeran'izy ireo ny olona. [21]Mitandrema mba tsy hiverina hanota ianao satria efa nosedraina tamin'ny fampijaliana ianao
mba hanalaviranao ny fahotana.
[22]Indro, misandratra amin'ny heriny Andriamanitra; iza no mpampianatra toa Azy? [23]Iza no efa nampianatra Azy ny
amin'ny lalany? Iza no mba afaka hiteny Azy hoe: 'Efa nanao ny tsy marina Ianao?' [24]Tsarovy ny midera ireo asany, izay
nohirain'ny olona.
[25]Efa nijery ireo asa ireo ny olona rehetra, nefa avy eny lavitra ihany no ahitany ireo asa ireo. [26]Indro, lehibe
Andriamanitra, nefa tsy azontsika tsara Izy; tsy hay kajiana ny isan'ny taonany.
[27]Fa efa manala ireo rano nitete izay natsikany ho orana avy amin'ny entony Izy, [1][28]izay arotsaky ny rahona sy atondrany
be amin'ny olombelona. [29]Eny tokoa, misy olona mahatakatra ny halehiben'ny fielezan'ny rahona sy ny kotroka avy ao
amin'ny tranony ve?
[30]Indro, manaparitaka ny tselany manodidina Azy Izy ary mandrakotra ireo fanambanin'ny ranomasina. [31]Amin'izany
fomba izany no hitsarany ireo olona sy hanomezany sakafo mitafotafo.
[32]Mameno tselatra ny tanany Izy mandra-pandidiany izany mba hamely ny marik'izany. [33]Ny kotrok'izany dia
mampitandrina ny amin'ny tafio-drivotra, ny biby fiompy ihany koa dia afaka mandre fa tamy izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

1 Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany ankehitriny dia manao hoe: "izay mitsika ho orana avy amin'ny entony"

37 [1]Eny tokoa, mihorohoro amin'izany ny foko; miala amin'ny toerany. [2]Henoy, oh, henoy ny fikotaban'ny feony, ny feo izay mivoaka avy amin'ny vavany. [3]Mandefa izany eny ambany lanitra manontolo Izy, ary mandefa ny tselam-pahazavany hatrany amin'ny sisin-tany.
[4]Misy feo mierona aorian'izany; mikotrokotroka amin'ny feon'ny voninahiny Izy; tsy manakana ny tsela-pahazavana hitselatra Izy rehefa re ny feony. [5]Mahatalanjona ny fikotrokotroky ny feon'Andriamanitra; manao zavatra lehibe izay tsy takatsika Izy. [6]Fa hoy Izy amin'ny oram-panala: "Milatsaha eny amin'ny tany"; toy izany koa ny ranon'orana: 'Tongava ho rotsak'orana mivatravatra be'.
[7]Mampitsahatra ny tanan'ny lehilahy tsirairay amin'ny asany Izy, mba hahafahan'ny olona rehetra izay namboariny hahita ireo asany. [8]Dia miditra ao amin'ny fiafenany koa ireo bibidia ka mamitsaka any an-johiny. [9]Ny tafio-drivotra tonga avy any amin'ny efiny avy any atsimo, ary ny hatsiaka avy amin'ny fiparitahan'ny rivotra avy any avaratra.
[10]Amin'ny alalan'ny fofonain'Andriamanitra no mampisy ny ranomandry. Mivaingana toy ny vy ny rano be midadasika.
[11]Manavesatra ny rahona matevina amin'ny hamandoana tokoa Izy; mampiely ny tsela-pahazavany amin'ny rahona Izy.
[12]Manodikodina ny rahona araka ny fitarihany Izy, mba hahafahan'izy ireo manao izay andidiany azy ireo eo ambonin'ny velaran'izao tontolo izao. [13]Ataony miseho izany rehetra izany; indraindray dia mitranga izany ho fanitsiana, indraindray ho an'ny taniny, ary indraindray ho ny asan'ny fanekena mahatoky.
[14]Henoy izao, ry Joba; mijanòna ary saino ny momban'ireo asa mahagagan'Andriamanitra. [15]Fantatrao ve ny faneren'Andriamanitra amin'ny sitrapony amin'ny rahona sy fanaovany ny tsela-pahazavana hitselatra ao amin'ireo?
[16]Takatrao ve ny fihevahevan'ny rahona, ireo asa mahagagan'Andriamanitra, izay tonga lafatra amin'ny fahalalana?
[17]Takatrao ve ny mahatonga ireo akanjonao hafana rehefa tony ny tany satria tonga avy any atsimo ny rivotra?
[18]Ianao ve afaka mamelatra ny habakabaka toy ny ataony— dia ny habakabaka, izay mafy toy ny fitaratra manganohano vita amin'ny vy voarendrika? [19]Mba ampianaro anay ary izay tokony ho lazainay aminy, fa izahay tsy mahavita mandahatra ireo tohan-kevitray nohon'ny fahamaizinan'ny fisainanay. [20]Tokony hilazana izay tiako lazaina aminy ve Izy? Misy olona maniry ny ho voatelina ve?
[21]Ankehitriny, tsy afaka mijery ny masoandro rehefa mamiratra eny amin'ny habakabaka ve ny olona aorian'ny fandalovan'ny rivotra ka nampisavany ny rahony. [22]Avy any avaratra no hihavian'ny famirapiratana volamena— voninahitra mampatahotra no eo amin'Andriamanitra.
[23]Raha ny amin'ilay Tsitoha, tsy afaka mahita Azy isika! Izy dia lehibe amin'ny fahefana; tsy mampahory ny rariny Izy ary be fahamarinana. [24]Noho izany, matahotra Azy ny olona. Tsy mijery ireo izay mihevi-tena ho hendry akory Izy."

38 [1]Avy eo dia niantso an'i Joba avy tao amin'ny tafio-drivotra mahery vaika Yaveh ka nanao hoe: [2]"Iza ity mitondra aizina amin'ireo fikasana amin'ny alalan'ny teny tsy misy fahalalana ity? [3]Ampisikino tahaka ny lehilahy ny valahanao fa hametra-panontaniana aminao Aho, ary tsy maintsy mamaly Ahy ianao.
[4]Taiza ianao fony nanorina ny fototry ny tany Aho? Lazao Ahy, raha tena manana fahazavan-tsaina be ianao. [5]Iza no namaritra ireo refiny? Lazao Ahy, raha fantatrao. Iza no nanenjana ny tady fandrefesana teo aminy?
[6]Tamin'ny inona no nametrahana ny fotony? Iza no nametraka ireo vato fehizorony [7]rehefa niara-nihira ny kintan'ny maraina ary nihiaka fifaliana ireo zanak'Andriamanitra rehetra?
[8]Iza no nanidy ny ranomasina tamin'ny varavarana rehefa vaky izany, raha nivoaka toy ny avy tao am-bohoka izany— [9]rehefa nanao ireo rahona ho fitafiany Aho, ary aizim-pito ho fonony?
[10]Izany dia tamin'ny namaritako ny faritra amin'ny sisin-dranomasina, sy tamin'ny nametrahako ny hidy sy varavarany,
[11]ary tamin'ny nitenenako taminy hoe: 'Mety ho tonga hatreo ianao, saingy tsy hihoatra lavitra; eto no hametrahako ny fetra amin'ny fisafoaky ny onjanao.'
[12]Hatramin'izay nanombohan'ny andronao, efa nanome baiko ny maraina hiposaka ve ianao, ary nahatonga ny mangiran-dratsy hahalala ny toerany eo amin'ny filahatry ny zavatra rehetra, [13]mba hitazonany ireo zoron'ny tany ka hiozongozona hiala eo aminy ny olona ratsy fanahy?
[14]Niova tahaka ny fiovan'ny tanimanga ambanin'ny tombo-kase ny endriky ny tany; ny zava-drehetra eo aminy dia miavaka mazava tsara tahaka ny fivalonan'ny lamba. [15]Avy amin'ireo olona ratsy fanahy no nanesorana ny 'hazavan'izy ireo; ny sandry misandratr'izy ireo dia notapahana.
[16]Efa nandeha tany amin'ny loharanon-dranomasina ve ianao? Efa nandeha tany amin'ny lalina ambany indrindra ve ianao? [17]Efa naseho taminao ve ireo vavahadin'ny fahafatesana? Efa nahita ireo vavahadin'ny aloky ny fahafatesana ve ianao? [18]Efa nodinihanao ve ny fivelaran'ny tany? Lazao Ahy, raha fantatrao daholo izany.
[19]Aiza no lalana mankany amin'ny toerana fitsaharan'ny fahazavana— tahaka izany ny aizina, aiza ny toerany? [20]Afaka mitarika ny hazavana sy ny aizina any amin'ireo toeram-piasan'izy ireo ve ianao? Hitanao ve ny lalana miverina mankany an-tranon'izy ireo? [21]Fantatrao tsy am-pisalasalana izany, satria efa teraka tamin'izany ianao; lava dia lava tokoa ny isan'ny andronao!

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Efa niditra tao amin'ny trano fitehirizana ny ranomandry ve ianao, na efa nahita ny trano fitehirizana ny havandra ve ianao, [23]ireo zavatra izay notehiriziko ho amin'ireo fotoam-pahoriana, ho amin'ireo andron'ny ady? [24]Aiza ny lalana hitselaran'ny varatra na miparitaka mankaiza eto ambonin'ny tany ireo rivotra avy any atsinanana?
[25]Iza no nihady ireo lalan-drano ho an'ny tondrak'orana, na iza no nanoritra ny lalan'ny fipoahan'ny varatra, [26]mba hampilatsaka ny orana eny amin'ireo tany izay tsy misy olona, sy eny amin'ny tany efitra, izay tsy misy na iza na iza,
[27]mba hahatanterahana ireo filàn'ireo tany karakaina sy efitra, ka hampitsimoka ny ahi-maitso?
[28]Manan-dray ve ny orana? Iza no niteraka ny ranon'ando? [29]Kibon'iza no niavian'ny ranomandry? Iza no niteraka ny fanala avy any an-danitra? [30]Miafina ny rano ary lasa sahala amin'ny vato; lasa mivaingana ny fanambonin'ny lalin.
[31]Afaka manery ireo rojo amin'ireo Ikotokelimiadilaona ve ianao, na mamaha ny tadin'ny Telonohorefy? [32]Afaka mitarika ireo kintana mba hiseho amin'ny fotoana tokony ho izy ve ianao? Afaka mitarika ny Bera miaraka amin'ireo zanany ve ianao? [33]Mahafantatra ny lalàn'ny lanitra ve ianao? Afaka mametraka ny lalàn'ny lanitra ambonin'ny tany ve ianao?
[34]Afaka mampiaka-peo hatrany amin'ny rahona ve ianao, mba handrakofan'ny ranon'oram-be anao? [35]Afaka mandefa tselatra ve ianao mba hahafahan'izy ireo mivoaka, mba hitenenan'izy ireo hoe: 'Indreto izahay?'
[36]Iza no nametraka fahendrena teny amin'ny rahona na nanome fahazavan-tsaina tamin'ny zavona? [37]Iza no afaka manisa ny rahona amin'ny fahaizany? Iza no afaka manondraka ny fitoeran-dranon'ny lanitra [38]rehefa mitambatra ho fotaka lehibe ny vovoka ary miraikitra ireo bainga-tany?
[39]Afaka misambotra haza ho an'ny liona vavy ve ianao na manome fahafaham-po ny hanoanan'ireo liony tanora [40]rehefa mamitsaka ao amin'ny fitoerany sy manotrika ao amin'ny kirihitra izy ireo?
[41]Iza no mamatsy haza ho an'ireo goaika rehefa mitaraina amin'Andriamanitra sy mivembena nohon'ny tsy fahampian-tsakafo ireo zanany?

39 [1]Fantatrao ve hoe amin'ny fotoana inona no iterahan'ny osi-dia ny zanany eny amin'ny vatolampy? Voadinikao ve rehefa miteraka ny zanany ny diera vavy? [2]Voaisanao ve ireo volana hitondran'ireo vohoka? Fantatrao ve ny fotoana hiterahany ireo zanany?
[3]Miondrika izy ireo ka miteraka ny zanany, ary dia tapitra ny fanaintainan'ny fiterahany. [4]Mihamatanjaka sy mitombo eny amin'ny saha lehibe ireo zanany; lasa izy ireo ka tsy miverina intsony.
[5]Iza no mamela malalaka ny boriki-dia andeha? Iza no namaha ny fatoran'ny ampondra-dia, [6]izay efa nanamboarako fonenana any Araba, ny tranony any amin'ny tanin-tsira?
[7]Mihomehy am-panesoana ny tabataba ao an-tanàna izy; tsy mahare ny hiakiak'ireo mpandroaka izy. [8]Mirenireny eny an-tendrombohitra fihinanam-bilony izy; any izy no mitady ny ahi-maitso rehetra hohanina.
[9]Ho faly hanompo anao ve ny ombi-dia? Hanaiky ny hijanona eo amin'ny fihinana namboarina ve izy? [10]Mahafehy ny ombi-dia amin'ny tady mba hamadihany ny bainga ve ianao? Handravona ny lohasaha ho anao ve izy?
[11]Hatoky azy ve ianao satria lehibe ny heriny? Handao ny asanao mba ho ataony ve ianao? [12]Hiantehitra aminy mba hitondra ny varinao any an-trano, sy hanangona ny vary ho eo amin'ny famoloanao ve ianao?
[13]Ny elatry ny ostritsa dia mikopakopaka am-pireharehana, nefa misy fitiavana ve ny elany sy ny volony? [14]Satria mandao ireo atodiny eny amin'ny tany izy, ary avelany hafana ao amin'ny vovoka ireo; [15]hadinony fa mety hisy tongotra hanorotoro na mety hisy bibi-dia hanitsakitsaka azy ireo.
[16]Mampijaly ireo zanany izy tahaka ny hoe tsy azy ireo; tsy matahotra izy na dia mety ho very maina aza ny asany, [17]satria Andriamanitra nanala taminy ny fahendrena ary tsy nanome azy fahalalana. [18]Rehefa mihazakazaka mafy izy, dia hiomehezany am-panesoana ny soavaly sy ny mpitaingina azy.
[19]Moa ve nomenao ny heriny ny soavaly? Nampiakanjo ny vozony tamin'ny volony mihofahofa ve ianao? [20]Efa nampitsambikina azy tahaka ny valala ve ianao? Mampahatahotra ny hamafin'ny fiefonefony.
[21]Mibitaka amin'ny heriny izy ary miravoravo amin'ny tanjany; mivoaka faingana hitsena ny fitaovam-piadiana izy.
[22]Maneso ny tahotra izy ary tsy raiki-tahotra; tsy mihemotra amin'ny sabatra izy. [23]Mifioka eo anilany ny zana-tsipìka, miaraka amin'ny lefona manjelatra ary ny lefom-pohy.
[24]Mitelina tany amin'ny fahavinirana sy fahatezerana izy; amin'ny fanenon'ny anjomara, tsy tafajanona amin'ny toerana iray izy. Na oviana na oviana no hanenoan'ny anjomara, dia hoy izy hoe: 'Aha!' [25]Manimbolo ny ady avy any lavitra izy—dia ny kotaba mafin'ny ny mpifehy ary ny horakoraka.
[26]Avy amin'ny fahendrenao ve no mampanidina ny hitsikitsika, ka hamelarany ny helany ho any atsimo?
[27]Amin'ny baikonao ve no hiakaran'ny ny voromahery sy hanamboarany ny tranony amin'ny toerana avo? [28]Mivelona eo amin'ny harambato izy ary manamboatra ny akaniny eo amin'ny tendron'ny harambato, izay fiarovana mafy.
[29]Avy eny no hitadiavany ny hazany; mahita azy ireo avy eny lavitra eny ny masony. [30]Misotro rà ihany koa ny zanany; izay toerana misy fatin'olona, dia eny izy."

40 [1]Ary Yaveh nanohy niresaka tamin'i Joba; hoy izy hoe: [2]"Tokony hanandrana hanitsy ny Tsitoha ve ny olona manam-paniriana hitsikera? Izy izay mifandahatra amin'Andriamanitra, dia aoka izy hamaly."
[3]Dia namaly an'i Yaveh Joba ka nanao hoe: [4]"Indro, tsy misy dikany aho; ahoana no hamaliako Anao? Apetrako amin'ny vavako ny tanako. [5]Niteny indray mandeha aho, ary tsy hamaly intsony; eny, indroa, fa tsy hanohy mihoatra an'izay aho."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Dia namaly an'i Joba tamin'ny tafio-drivotra masiaka Yaveh ka niteny hoe: [7]"Ampisikino tahaka ny lehilahy ny valahanao, fa hametra-panontaniana aminao Aho, dia tsy maintsy mamaly Ahy ianao.
[8]Moa hilaza tokoa ve ianao fa tsy marina Aho? Hanameloka Ahy ve ianao mba hitenenanao hoe marina ianao? [9]Mana-tsandry tahaka ny an'Andriamanitra ve ianao? Mahay mampikotrokotro-peo tahaka Azy ve ianao?
[10]Tafio voninahitra sy fahamendrehana ny tenanao; mihaingoa haja sy fahalehibeazana. [11]Ampielezo amin'ny manodidina ny fihoaran'ny fahatezeranao; jereo ireo rehetra mirehareha ary ahetreo izy.
[12]Jereo ireo rehetra izay mirehareha ary ahetreo izy; hitsaho ambany eo amin'izay itsanganan'izy ireo ny olona ratsy fanahy. [13]Aleveno hiaraka eo amin'ny tany izy rehetra; gadrao any amin'ilay toerana miafina ny tavan'izy ireo. [14]Dia hanaiky ny momba anao koa Aho fa ny tananao an-kavanana ihany dia afaka mamonjy anao.
[15]Jereo ary ny behemota, izay nataoko tahaka ny nanaovako anao ihany; mihinana ahitra tahaka ny omby izy. [16]Indro, eo amin'ny valahany ny heriny; eo amin'ireo hozatry ny kibony ny tanjany.
[17]Manao ny rambony tahaka ny sedera izy; ny ozatry ny feny rehetra dia mitambatra. [18]Ny taolany dia tahaka ny fantsona varahina; ny tongony dia tahaka ny bara vy.
[19]Izy no lehibe amin'ny zava-boaarin'Andriamanitra. Andriamanitra irery ihany, izay nanao azy, no afaka mandresy azy.
[20]Fa ireo havoana manome sakafo azy; ireo bibi-dia eny an-tsaha dia milalao eo akaiky eo. [21]Mipetraka ao ambanin'ny voahirana, ao anaty volotara izy, ao anaty lakan-drano izy.
[22]Ireo voahirana dia mandrakotra azy amin'ny alokalony; ireo hazomalahelon'ny lohasahan-driaka dia manodidina azy avokoa. [23]Indro, raha tondraka ny moron'ny renirano, dia tsy hangovitra izy; mahatoky izy, na dia hisamboaravoara hatreny ambonin'ny orony aza Jordana. [24]Moa misy mahasambotra azy amin'ny farango ve, na mmahatsindrona ny orony amin'ny fandrika?

41 [1]Afaka misintona Leviatana amin'ny fintana ve ianao? Na mamatotra ireo valanoranony amin'ny tady? [2]Afaka manisy tady eo amin'ny orony ve ianao, na manindrona ny valanoranony amin'ny alalan'ny fitana? [3]Hitalao fatratra aminao ve izy? Hanao teny malefaka aminao ve izy?
[4]Hanao fifanekena aminao ve izy, fa tokony ho alainao ho mpanompo mandrakizay izy? [5]Hilalao hiaraka aminy toy ny hiarahanao amin'ny vorona ve ianao? Hamatotra azy ho an'ny mpanomponao vavy ve ianao? [6]Hiady varotra ny aminy ve ireo vondron'ny mpanarato? Hifampizaran'izy ireo mba hamidy amin'ireo mpivarotra ve izy?
[7]Mahavita mandefona ny hodiny amin'ny fitaovam-pihazana ve ianao na ny lohany amin'ny lelam-pitana? [8]Apetaho eo aminy indray mandeha ny tananao, ary ho tsaroanao ny ady ary tsy hanao izany intsony ianao. [9]Indro, ny fanantenan'ny olona izay manao izany dia lainga; moa ve tsy hisy olona hianjera amin'ny tany nohon'ny fahitana azy fotsiny ihany?
[10]Tsy misy olona feno hatezerana ka sahy hihantsy Leviatana; koa, iza ary no afaka mitsangana eo anatrehako? [11]Iza no nanome zavatra Ahy voalohany mba hanefako azy? Izay rehetra ambanin'ny lanitra manontolo dia Ahy. [12]Tsy hangina aho mahakasika ny tongotry ny Leviatana, na ihany koa ny zavatra mahakasika ny heriny, na mahakasika ny hatsaran'ny bikany.
[13]Iza no afaka manala ireo fitafiny ivelany? Iza no afaka miditra ny fiarovany misosona? [14]Iza no afaka manokatra ireo varavaran'ny tavany— voahodidina ireo nifiny, izay horohoro? [15]Ny lamosiny dia vita amin'ireo ampinga misosona, mifanery toy ny fihidin'ny tombo-kase.
[16]Ny iray dia tena mifanakaiky amin'ny iray hafa hany ka tsy misy rivotra afaka miditra eo anelanelan'izy ireo.
[17]Mifandray izy ireo; mifampiraikitra, izany dia mba tsy hahafahan'izy ireo hisaraka. [18]Ny hazavana mitaratra avy amin'ny fierony; ny masony dia tahaka ireo hodimason'ny vao mangiran-dratsy.
[19]Ary fanilo mirehitra no mivoaka ny vavany, miparitaka ny pitik'afo. [20]Ny vavoriny dia mivoka setroka toy ny zavatra mangotraka ao anaty vilany eo ambony afo izay nokopahana ho tena mahamay. [21]Ny fofon'ainy dia mampirehitra ny vain'afo ho tonga afo; afo no mivoaka avy ao amin'ny vavany.
[22]Ao amin'ny vozony ny hery; ary ny horohoro dia mandihy eo anoloany. [23]Mikambana ny fivalonan'ireo nofony; mafy orina eo aminy ireo; tsy afaka ahetsika ireo. [24]Ny fony dia mafy toy ny vato— eny tokoa, mafy toy ny fikosoham-bary.
[25]Rehefa manandratra ny tenany Izy, na ireo andriamanitra aza ho raiki-tahotra; nohon'ny tahotra, dia mihemotra izy ireo. [26]Raha mamely azy ny sabatra iray, dia tsy misy dikany izany— na ny lefona, tsipìka, na fitaovam-piadiana maranitra hafa. [27]Mieritreritra izy fa tahaka ny mololo ny vy, ary tahaka ny hazo lò ny varahina.
[28]Ny tsipìka dia tsy afaka mampandositra azy; tonga akofa aminy ireo vaton'ny antsamotady. [29]Ataony tahaka ny mololo ireo langilangy; mihomehy amin'ny firaondraonana amin'ny fanidin'ilay lefona izy. [30]Ny tapany ambany dia tahaka ireo vakim-bilany maranitra; mamela dian-kitsaka eo amin'ny fotaka izy tahaka ny kodiaram-by fikosoham-bary.
[31]Ataony tahaka ny rano mangotraka anaty vilany ny lalina; ataony toy ny vilanin'ny hosotra manitra ny ranomasina.
[32]Manazava izay nolalovany izy; misy mieritreritra fa fotsy volo ny lalina.
[33]Ety an-tany dia tsy misy mitovy aminy, izay noforonina mba hiaina tsy misy tahotra. [34]Mahita ny zavatra rehetra izay mirehareha izy; izy no mpanjaka ambon'ireo zanaky ny fireharehana rehetra."

42

[1]Dia namaly an'i Yaveh i Joba ka niteny hoe: [2]"Haiko fa hainao hatao ny zavatra rehetra, fa tsy hay sakanana ny tanjonao.
[3]Iza izao manafina fikasana tsy amin'ny fahalalana izao?' Eny tokoa, nanambara zavatra izay tsy takatro aho, zavatra saro-takarina loatra ho ahy, izay tsy mba fantatro.
[4]Hoy Ianao tamiko hoe: 'Mihainoa, ankehitriny, ary hiteny Aho; hanontany zavatra aminao Aho, ary hilaza Amiko ianao.'
[5]Nandre ny momba Anao tamin'ny siosion-dresaka aho, fa ankehitriny dia mahita Anao ny masoko. [6]Koa manamavo ny tenako aho; mibebaka amin'ny vovoka sy lavenona aho."
[7]Ary rehefa avy niteny ireo teny ireo tamin'i Joba Izy, dia hoy Yaveh tamin'i Elifaza ilay Temanita hoe: "Mirehitra aminao sy amin'ireo namanao roa ny fahavinirako, fa tsy nilaza ny marina momba Ahy ianareo, tahaka ny nataon'i Joba mpanompoko. [8]Ankehitriny ary, makà omby lahy fito sy ondry lahy fito ho an'ny tenanareo, dia mandehana any amin'i Joba mpanompoko, ka manolora fanatitra dorana ho an'ny tenanareo. Hivavaka ho anareo i Joba mpanompoko, dia hanaiky ny fivavany Aho, mba tsy hamaliako anareo araka ny fahadalanareo. Tsy nilaza izay marina momba Ahy, tahaka ny nataon'i Joba mpanompoko ianareo." [9]Koa dia nandeha ary nanao araka izay nandidian'i Yaveh azy ireo i Elifaza ilay Temanita, i Bildada ilay Sohita, ary i Zofara ilay Namatita, ary Yaveh nanaiky an'i Joba.
[10]Rehefa nivavaka ho an'ireo namany i Joba, dia naverin'Andriamanitra tamin'ny laoniny ny hareny. Nomen'i Yaveh avo roa heny mihoatra izay nananany teo aloha izy. [11]Dia nandeha tany aminy ireo rahalahin'i Joba rehetra, ireo anabaviny rehetra, ary ireo olom-pantany teo aloha— ary nisakafo niaraka taminy tao an-tranony. Niara-ory taminy izy ireo ary nampionona azy ny amin'ireo loza rehetra izay nalefan'i Yaveh taminy. Samy nanome volafotsy madinika sy peratra volamena an'i Joba avokoa ny olon-drehetra.
[12]Nitahy ny andro farany niainan'i Joba mihoatra noho ny tamin'ny voalohany Yaveh; nanana ondry efatra arivo sy iray alina izy, rameva enina arivo, andian'omby arivo, ary boriky vavy arivo. [13]Nanan-janaka lahy fito sy zanaka vavy telo ihany koa izy. [14]Nantsoiny hoe Jemima ilay vavimatoa, Kezia ilay faharoa, ary ny fahatelo dia Kerena-hapoka.
[15]Tsy nisy vehivavy hita ho tsara mihoatra an'ireo zanaka vavin'i Joba teo amin'ny tany rehetra. Nanome lova ho azy ireo mbamin'ireo anadahiny ny rain'izy ireo. [16]Taorian'izany, dia niaina 140 taona i Joba; nahita ireo zanany sy ireo zafiny izy, hatramin'ny taranaka efatra nifandimby. [17]Avy eo dia maty i Joba, raha antitra sy voky andro.

Salamo

1 [1]Sambatra ny olona izay tsy manaraka ny torohevitr'ireo ratsy fanahy, na mitsangana amin'ny lalana miaraka amin'ireo mpanota, na mipetraka eo amin'ireo mpaneso. [2]Fa ao amin'ny Yaveh no sitrany, ary amin'ny lalàny izy no misaintsaina andro sy alina.
[3]Ho tahaka ny hazo nambolena tamin'ny riakan'ny rano izay mamokatra ireo voany amin'ny vanim-potoany, izay tsy malazo ravina izy, izay rehetra hataony dia ho ambinina.
[4]Ireo ratsy fanahy dia tsy izany, fa kosa tahaka ny akofa izay entin'ny rivotra. [5]Ka tsy hitsangana ho ao amin'ny fitsarana ireo ratsy fanahy, na ireo mpanota ho ao amin'ny vondron'ireo marina.
[6]Fa i Yaveh dia manaiky ny lalan'ireo marina, fa ny lalan'ireo ratsy fanahy kosa dia ho levona.

2 [1]Nahoana ny firenena no ao anaty korontana, ary nahoana ny olona no manao teti-dratsy izay tsy hahomby? [2]Miara-mitsangana ireo mpanjakan'ny tany ary miara-mioko manohitra an'i Yaveh sy ny Mesiany ireo mpanapaka, manao hoe: [3]"Aoka isika hamiravira ireo rojo vy izay apetrany eto amintsika ary hanipy ireo rojon'izy ireo."
[4]Izy izay mipetraka any an-danitra hihomehy azy ireo; haneso azy ireo ny Tompo. [5]Avy eo dia hiteny amin'izy ireo amin'ny fahatezerany izy ary hampihorohoro azy ireo amin'ny fahavinirany, manao hoe:
[6]Izaho tenako no manendry ny mpanjakako ao Ziona, tendrombohitro masina." [7]Hanambara lalàn'i Yaveh iray aho. Hoy Izy tamiko: "Zanako ianao! Amin'ity andro ity dia tonga rainao Aho."
[8]Hangataho Aho, dia homeko anao ho lovanao ireo firenena ary ho fanananao ireo faritra lavitra indrindran'ny tany.
[9]Hovakinao amin'nytehim-by, tahaka ny siny ireo, hamotipotika ireo ianao."
[10]Koa ankehitriny, ry mpanjaka, mitandrema; mahitsy; ry mpanapaky ny tany. [11]Miderà an'i Yaveh amin-tahotra ary mifalia amin'ny fangovitana.
[12]Orohy ny zanaka sao ho tezitra aminao izy, ka ho faty amin'ny lalan'ny firehetan'ny hatezerany mandritra ny fotoana fohy ianao. Sambatra ireo rehetra izay mitady fialofana ao Aminy.

3 [1]Salamo nataon'i Davida, rehefa nitsoaka an'i Absaloma zanany izy. Ry Yaveh, firy ireo fahavaloko! Maro no nitsangana nanohitra ahy. [2]Maro no milaza momba ahy hoe: "Tsy misy fanampiana ho azy avy any amin'Andriamanitra. Sela
[3]Fa Ianao, ry Yaveh, dia fiarovana manodidina ahy, voninahitro, ary ilay iray izay manandratra ny lohako. [4]Manandratra ny feoko amin'i Yaveh aho, ary mamaly ahy avy any amin'ny havoany masina Izy. Sela
[5]Nandry aho ary natory; nifoha aho, satria i Yaveh miaro ahy. [6]Tsy hatahotra olona maro izay mampanohitra ny tenan'izy ireo amiko amin'ny zohy rehetra aho.
[7]Mitsangàna, ry Yaveh! Vonjeo aho, ry Andriamanitro! Fa hamely ireo fahavalo rehetra amin'ny takolaka Ianao; hamaky ny nifin'ireo ratsy fanahy Ianao. [8]Avy amin'i Yaveh ny famonjena. Ho amin'ny olonao anie ireo fitahianao. Sela

4 Ho an'ilay mpiventy hira; amin'ny lokanga. Salamo nataon'i Davida. [1]Valio aho rehefa miantso, ry Andriamanitrin'ny
fahamarinako; omeo trano aho rehefa latsaka an-katerena. Mamindrà fo amiko ary henoy ny fivavako.
[2]Ry olona, mandra-pahoviana ianareo no hanova ny voninahitro ho fahafaham-baraka? Mandra-pahoviana ianareo no
hitia izay ratsy sy hanaraka ny lainga? Sela. [3]Saingy fantaro fa i Yaveh dia manokana izay araka an'Andriamanitra ho Azy.
Handre i Yaveh rehefa miantso Azy aho.
[4]Mangovita amin-tahotra, fa aza manota! Saino ao am-ponareo eo am-pandrianareo ary aoka hangina. Sela [5]Atolory ireo
soron'ny fahamarinana ary apetraho amin'i Yaveh ny fahatokianao.
[6]Maro no miteny hoe: "iza no hampiseho zavatra tsara amintsika?" Ry Yaveh, asandrato aminay ny fahazavan'ny tavanao.
[7]Nomenao hafaliana bebe kokoa mihoatra ny an'ny hafa ny foko rehefa betsaka ny vary sy ny divay vaovao. [8]Am-
piadanana no handriako sy hatoriko, satria Ianao irery, ry Yaveh, no mahatonga ahy hitoetra tsy manana ahiahy.

5 Ho an'ilay mpiventy hira; miaraka amin'ireo zava-maneno tsofina. Salamo nataon'i Davida. [1]Henoy ny antsoko Aminao,
ry Yaveh; hevero ireo fitarainako. [2]Henoy ny feon'ny antsoko, ry Mpanjakako sy Andriamanitro, fa Aminao aho no
mivavaka. [3]Ry Yaveh, mandre ny tarainako Ianao amin'ny maraina; mitondra ny fiangaviako Aminao aho amin'ny
maraina ary miandry manantena.
[4]Andriamanitra tsy mankatoa ny ratsy tokoa Ianao; tsy ho vahininao ireo olon-dratsy. [5]Ny mpiavonavona dia tsy
hitsangana eo amin'ny fanatrehanao; halanao ireo izay manana fitondran-tena ratsy. [6]Hamotika ireo mpandainga Ianao;
Yaveh dia manao tsinontsinona ny herisetra sy ireo olona mpamitaka.
[7]Fa raha ny amiko, noho ny halebiazan'ny fanekenao mahatoky, dia ho avy ao an-tranonao Aho; amim-panajana no
hiankohofako manoloana ny tempolinao masina. [8]Ry Tompoko, tariho amin'ny fahamarinanao aho noho ireo fahavaloko;
ataovy mahitsy manoloana ahy ny lalanao.
[9]Fa tsy misy fahamarinana eo amin'ny vavan'izy ireo; ratsy ny ao anatin'izy ireo, fasana misokatra ny tendan'izy ireo;
malefaka izy ireo amin'ny fiteniny. [10]Ambarao ho meloka izy ireo, ry Andriamanitra; aoka ho faharavan'izy ireo ny tetiny!
Avohay amin'ireo fandikan-dalàny maro izy ireo, satria nikomy nanohitra Anao.
[11]Fa aoka hifaly ireo rehetra izay mialoka Aminao; aoka izy ireo hihiaka am-pifaliana satria miaro azy ireo Ianao; aoka
hifaly ao Aminao izy ireo, dia ireo izay tia ny anaranao. [12]Fa hitahy ny marina Ianao, ry Yaveh; hiodidina azy ireo amin'ny
sitraka toy ny amin'ny fiarovana Ianao.

6 Ho an'ny mpiventy hira; amin'ny lokanga, natao tamin'ny fomban'ny Al-shasheminith. Salamo nataon'i Davida. [1]Ry
Yaveh, aza mibedy ahy amin'ny fahatezeranao na manafay ahy amin'ny fahaviniranao. [2]Mamindrà fo amiko, ry Yaveh,
fa osa aho; sitrano aho, ry Yaveh, fa mangovitra ireo taolako.
[3]Tena ory ihany koa ny fanahiko. Saingy Ianao, ry Yaveh—mandra-pahoviana no hitohizan'izany? [4]Miverena, ry Yaveh!
vonjeo aho. Vonjeo nohon'ny famonjenao mahatoky aho! [5]Fa tsy misy fahatsairovana Anao any amin'ny fahafatesana. Iza
no hisaotra Anao any amin'ny fiainan-tsy hita?
[6]Reraky ny sentoko aho. Kotsan-dranomaso ny fandriako isak'alina; manasa ny fandriako amin'ny ranomasoko aho.
[7]Lanin'alahelo ny masoko; tonga tsy manan-kery izy ireo noho ireo fahavaloko rehetra.
[8]Mialà amiko, ianareo mpanao ratsy rehetra; fa Yaveh efa nandre ny feon'ny fitomaniko. [9]Efa nandre ny antsoko ho an'ny
famindrampo i Yaveh; Efa nandray ny vavako i Yaveh. [10]Ho menatra sy hikorontana tanteraka ny fahavaloko rehetra.
Hitodika izy ireo ka ho ambanina tampoka.

7 Mozika noforon'i Davida, izay nirainy ho an'i Yaveh mahakasika ireo tenin'i Kosa ilay Benjamita. [1]Ry Yaveh
Andriamanitro, mialoka ao Aminao aho! Afaho amin'ireo izay manenjika ahy aho, ary vonjeo. [2]Raha tsy izany,
hoviravirain'ireo toy ny liona aho, rovidrovitiny tsy misy olona afaka hitondra fiarovana ho ahy.
[3]Ry Yaveh Andriamanitro, tsy mbola nanao izay nolazain'ireo fahavaloko ho nataoko mihintsy aho; tsy misy tsy
fahamarinana eo amin'ny tanako. [4]Tsy mbola nanao ratsy tamin'iza na iza tsara fihavanana tamiko aho, na nanisy ratsy
izay nanohitra ahy amin'ny tsy misy antony.
[5]Raha tsy milaza ny marina aho dia aoka ny fahavaloko hanenjika ny aiko ary hisambotra izany; aoka izy hanitsaka ny
vatako mbola velona amin'ny tany ary hapandry ny voninahitro amin'ny vovoka. Sela
[6]Mitsangàna, ry Yaveh, amin'ny fahatezeranao; mitsangàna manoloana ny fahatezeran'ireo fahavaloko; mifohaza
hanampy ahy sy hanatanteraka ny didy marina izay efa nandidianao ho azy ireo. [7]Miangona manodidina anao ireo
firenena; alaivo indray ny toeranao marina eo amin'izy ireo.
[8]Ry Yaveh, tsarao ireo firenena; hamarino aho, ry Yaveh, satria marina sy tsy manan-tsiny aho, ry Avo indrindra. [9]Aoka
hifarana ny asa ratsin'ny ratsy fanahy. fa apetraho ireo olo-marina, ry Andriamanitra marina, izay mandinika ny fo sy ny
eritreritra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Avy amin'Andriamanitra ny ampingako, ilay tokana izay mamonjy ny mahitsy am-po. [11]Mpitsara marina Andriamanitra, dia ilay Andriamanitra tezitra isan'andro.
[12]Raha tsy mibebaka ny olona iray, handranitra ny sabany Andriamanitra ary hanomana ny tsipikany ho amin'ny ady.
[13]Manomana ny fampiasana ireo fitaovam-piadina hanoherana azy Izy; ataony miredareda ireo zana-tsipikany voalambolambo.
[14]Saino ny momban'izay bevohokan'ny faharatsiana, izay manao tetika handravana, izay miteraka lainga hampidi-doza.
[15]Mandavaka fatsakana izy ary manalalaka izany ary latsaka ao amin'ny lavaka izay nataony izy. [16]Miverina ao an-dohany ihany ireo fikasany hanimba, satria ny herisetrany dia mikorina ao an-dohany ihany.
[17]Hisaotra an'i Yaveh noho ny fahamarinany aho; hihira fiderana ho an'i Yaveh Avo Indrindra aho.

8 Ho an'ny mpiventy hira, natao tamin'ny fomban'i Al-hagitith. Salamo nataon'i Davida. [1]Ry Yaveh Andriamanitray, endrey ny hatsaran'ny anaranao eo amin'ny tany rehetra, Ianao izay maneho ny voninahitrao eny amin'ny lanitra ambony. [2]Avy amin'ny vavan'ny zazakely sy ny ankizy no efa namoronanao fiderana noho ny amin'ireo fahavalonao, mba hampanginana ny fahavalo sy ny mpamaly faty
[3]Raha miandrandra ny lanitrao aho, izay nataon'ny ratsan-tananao, ny volana sy ireo kintana, izay napetrakao tamin'ny toerany, [4]inona moa ny olona no ahatsiarovana azy, na ny olombelona no hirarahianao azy ireo? [5]kanefa nataonao ambany kely noho zava-manan'aina eny any an-danitra izy ireo ary nampisatrohinao voninahitra sy haja.
[6]Ataonao mpanapaka eo amin'ireo asa-tananao izy; nataonao eo ambany tongony ny zavatra rehetra: [7]ny ondry aman'osy sy ny omby, ary izay biby rehetra ao amin'ny saha, [8]ireo vorona eny amin'ny habakabaka, sy ireo trondro any an-dranomasina, ny zavatra rehetra izay mandalo eo amin'ny lalan-dranomasina.
[9]Ry Yaveh Tomponay, endrey ny hatsaran'ny anaranao eo amin'ny tany rehetra!

9 Ho an'ny mpiventy hira, natao tamin'ny fomban'ny Almoth-laben. Salamo nataon'i Davida. [1]Hanome fisaorana an'i Yaveh amin'ny foko manontolo aho; hanambara ny asa mahagaga nataonao aho. [2]Hifaly sy hiravo ao aminao aho; hihira fiderana ho an'ny anaranao aho, ry Avo Indrindra!
[3]Rehefa miverina ny fahavaloko, dia ho tafintohina sy ho faty manoloana Anao izy ireo. [4]Fa efa niaro ny rariny Ianao; mipetraka eo amin'ny seza fiandriananao Ianao, ry mpitsara marina!
[5]Efa niteny mafy ireo firenena Ianao; efa nandrava ireo ratsy fanahy Ianao. Efa nofafanao mandrakizay doria ny anaran'izy ireo. [6]Nirodana toy ny faharavana ireo fahavalo raha nandrava ny tanànan'izy ireo Ianao. Very ny fahatsiarovana azy ireo rehetra.
[7]Fa mitoetra mandrakizay Yaveh, nametraka ny seza fiandrianany ho amin'ny fahitsina Izy. [8]Hitsara ny tany amin'ny fahamarinana Izy, ary hampihatra fitsarana ho an'ny firenena amin'ny rariny Izy.
[9]Ho fiarovana mafy ho an'ireo nampahoriana ihany koa Izy, ho fiarovana mafy amin'ny fotoanan-tsarotra. [10]Ireo izay mahalala ny anaranao dia mahatoky Anao, fa Ianao, ry Yaveh, tsy mandao ireo izay mitady Anao.
[11]Mihirà fiderana ho an'i Yaveh, izay manapaka ao Ziona; ambarao amin'ireo firenena izay nataony. [12]Fa Andriamanitra izay mamaly ny fandatsahan-drà dia mahatsiaro; tsy manadino ny fitarainan'ireo ory Izy.
[13]Mamindrà fo amiko, ry Yaveh; jereo ny fampahorian'ireo izay mankahala ahy, Ianao izay afaka nisintona ahy eo ambavahadin'ny fahafatesana. [14]Endrey, te hanambara ny fiderana Anao rehetra aho. Eo ambavahadin'ny zanaka vavin'i Ziona no hifaliko amin'ny famonjenao!
[15]Nilentika tao amin'ny lavaka izay nataon'izy ireo ireo firenena; tratra tao amin'ny harato izay nafenin'izy ireo ny tongony. [16]Nampahafantatra ny tenany i Yaveh; nampiatra fitsarana Izy; voafandrika tamin'ny nataony ihany ireo ratsy fanahy. Sela
[17]Nomen-damosina ny ratsy fanahy ary nalefa tany amin'ny fiainan-tsy hita, ny anjaran'ny firenena rehetra izay manadino an'Andriamanitra. [18]Fa ireo mahantra dia tsy ho adinoina mihitsy, ny fanantenan'ny ory koa dia tsy ho very mandrakizay.
[19]Mitsangàna, ry Yaveh, aza avela handresy Anao ny olona; aoka ireo firenena ho tsaraina eo imasonao. [20]Ampitahory izy ireo, ry Yaveh; aoka ho fantatry ny firenena rehetra fa olona ihany izy ireo. Sela

10 [1]Nahoana, ry Yaveh, no mijanona eny lavitra eny Ianao? Nahoana no manafina ny tenanano amin'ny fotoan-tsarotra Ianao? [2]Nohon'ny avonavon'izy ireo, ny ory dia henjehan'ny ratsy fanahy; nefa aoka re ny ratsy fanahy ho voafandriky ny eritreritr'izy ireo izay noheverin'izy ireo ihany. [3]Fa ireo olona ratsy fanahy dia mirehereha ny amin'ireo faniriany lalina; mitahy ireo tia vola izy ary maniratsira an'i Yaveh.
[4]Nanandratra ny tavany ny ratsy fanahy; tsy nitady an'Andriamnaitra izy. Tsy mieritreritra ny momba an'Andriamanitra mihitsy izy satria tsy miraharaha ny momba azy akory. [5]Voaaro amin'ny fotoana rehetra izy, saingy ny didinao marina dia avo loatra ho azy; mierona amin'ireo fahavalony rehetra izy.
[6]Miteny ao am-pony izy hoe: "Tsy ho lavo mandrakizay aho; hatramin'ny taranako dia rehetra tsy hahita fahoriana." [7]Feno ozona sy fitaka, teny mampidi-doza ny vavany; mandratra sy mamotika ny lelany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Miandry am-piafenana teo akaikin'ireo tanàna izy. Any amin'ireo toerana miafina no hamonoany ny tsy manan-tsiny; mitady ireo niharam-boina tsy afa-manoatra ny masony. [9]Miafina ao amin'ny mangina toy ny liona ao anaty kirihitrala izy; mahavoasambotra ny ory izy rehefa misintona ny haratony. [10]Ireo izay tratrany dia notorotoroina ary nokapohiny; nilatsaka tao anatin'ny haratony lehibe izy ireo.
[11]Miteny ao am-pony izy hoe: "Efa nanadino Andriamanitra; nandrakotra ny tavany Izy, tsy hisahirana hijery akory Izy."
[12]Mitsangàn, ry Yaveh! Asandrato ny tananao, Andriamanitra o! Aza manadino ny ory.
[13]Nahoana no mandà an'Andriamanitra ny olona ratsy fanahy ary miteny ao am-pony hoe: "Tsy hihazona ahy ho tompon'andraikitra ve ianao"? [14]Efa naharay filazana ianao, fa hitanao foana ireo izay iharan'ny fahoriana sy alahelo. Miankina aminao ireo tsy afa-manoatra; mpamonjy ny kamboty Ianao.
[15]Tapaho ny sandrin'ireo ratsy fanahy sy olon-dratsy. Ataovy tompon'andraikitra amin'ireo ratsy nataony izy, izay noheveriny fa tsy ho hitanao. [16]Mpanjaka mandrakizay doria i Yaveh; noroasina teo amin'ny taniny ireo firenena.
[17]Ry Yaveh, efa nandre ny fitarainan'ireo ory Ianao, mampahery ny fon'izy ireo Ianao, mihaino ny vavak'izy ireo Ianano;
[18]miaro ny kamboty sy ny ory Ianao ka tsy hisy olona ambonin'ny tany hampihorohoro indray.

11 [1]Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. 1Yaveh no ialofako; ahoana no hilazanao amiko hoe: "Mandosira any an-tendrombohitra Tahaka ny vorona?" [2]Fa indro! Manamboatra ny zana-tsipìkany ny ratsy fanahy. Manenjana ny tsipìkany izy ireo mba hitifirana ny mahitsy fo ao anaty aizina.
[3]Fa raha rava ireo fanorenana, inona no azon'ny marina atao? [4]Yaveh dia ao amin'ny tempoliny masina; mijery ny masony, mandinika ny zanak'olombelona ny masony.
[5]Samy dinihin'i Yaveh na ny olo-marina na ny ratsy fanahy, fa Izy dia mankahala ireo tia herisetra. [6]Handatsaka vain'afo mahamay sy solifara amin'ireo ratsy fanahy Izy; rivo-mandoro no ho anjara kapoakany! [7]Fa marina Yaveh, ary tia fahamarinana Izy; ny mahitsy no hahita ny tavany.

12 Ho an'ny mpiventy hira; natao tamin'ny Al-hasheminith. Salamo nataon'i Davida. [1]Vonjeo, ry Yaveh, fa tsy misy intsony ny tsara fanahy; nanjavona ireo mahatoky.
[2]Samy miteniteny foana amin'ny mpiara-monina amin'ny molotra mandoka sy fo miroaroa ny olona rehetra. [3]Ry Yaveh, aringano ireo molotra mpiatsaravelatsihy, ny lela rehetra samy hanambara ireo zava-marina. [4]Ireo dia izay niteny hoe: "Ny lelanay no hampandresy anay. Raha miteny ny molotray, iza no afaka handidy eo aminay?"
[5]Nohon'ny herisetra atao amin'ny ory, nohon'ny senton'ny mahantra, dia hitsangana Aho," hoy i Yaveh. Hanome filaminana izay irin'izy ireo fatratra aho."
[6]Ireo tenin'i Yaveh dia teny madio, tahaka ny volafotsy voarendrika im-pito. [7]Ianao no Yaveh! Nitandrina azy ireo ianao. Miaro ny olona tsara fanahy amin'izao taranaka ratsy fanahy izao mandrakizay Ianao. [8]Mandeha na aiza na aiza ny ratsy rehefa misandratra amin'ny zanak'olombelona ny ratsy.

13 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. [1]Mandra-pahoviana, ry Yaveh, no hanadinoanao ny momba ahy? Mandra-pahoviana no hanafenanao amiko ny tavanao? [2]Mandra-pahoviana no tsy maintsy hatahorako sy hananako alahelo am-po isan'andro? Mandra-pahoviana no handresen'ny fahavaloko ahy?
[3]Jereo aho ary valio, ry Yaveh Andriamanitro! Omeo fahazavana ny masoko, fandrao renoky ny torimasom-pahafatesana aho. [4]Ny fahavaloko aza avela hiteny hoe: "Efa nandresy azy aho," mba tsy hitenenan'ny fahavaloko hoe: "Efa nandresy teo amin'ny rafiko aho;" raha tsy izany, dia hifaly ireo fahavaloko rehefa lavo aho.
[5]Fa efa akaiky ny tsy fivadiham-panekenao aho; mifaly amin'ny famonjenao ny foko. [6]Hihira ho an'i Yaveh aho satria tena nalala-tanana tamiko izy.

14 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. [1]Ny adala niteny anakam-po hoe: "Tsy misy Andriamanitra." Simba toetra izy ireo ary efa nanao heloka fahavetavetana; tsy misy na dia iray aza manao ny tsara.
[2]Miondrika mijery ny zanak'olombelona avy eny amin'ny lanitra i Yaveh mba hizaha raha misy mahalala, sy mitady Azy.
[3]Samy efan nivily avokoa izy rehetra. Samy simba toetra avokoa. Tsy misy manao ny tsara, tsia, na iray aza.
[4]Tsy mahafantatra na inona na inona ve izy ireo, ireo izay manota, ireo izay mihinana ny oloko tahaka ny fihinanany mofo, kanefa tsy miantso an'i Yaveh?
[5]Tora-kovitry ny tahotra izy ireo, satria Andriamanitra dia momba ny fiangonana marina! [6]Maniry ny hanala baraka ny olona mahantra ianao na dia i Yaveh aza no fialofany.
[7]Endrey, izany famonjena ny Israely izany dia ho avy any Ziona! Raha mitondra ny vahoakany avy any amin'ny fahababoana i Yaveh, dia ho ravo i Jakoba ary ho faly ny Israely rehetra!

15

Salamo nataon'i Davida. [1]Ry Yaveh, iza moa no afaka hijanona ao amin'ny tabernakelinao? Iza no afaka honina eo an-tendrombohitrao masina? [2]Dia ireo rehetra mandeha tsy misy tsiny, manao izay marina, ary miteny ny marina amin'ny fony.
[3]Tsy manendrikendrika amin'ny lelany izy, tsy manisy ratsy ny hafa izy, ary tsy maniratsira ny namany izy.
[4]Ny olon-tsy mendrika dia ho tsinontsinoavina eo imasony, fa hanome voninahitra ireo izay matahotra an'i Yaveh izy. Miniana amin'ireo fahavoazany ary tsy hamerina ireo fampanantenany izy. [5]Tsy maka tombony izy rehefa mampisambo-bola. Tsy mandray kolikoly mba hijoroana vavolombelona hanoherana ny tsy manan-tsiny izy. Izy izay manao ireo zavatra ireo dia tsy ho voahozongozona mandrakizay.

16 Salamo nosoratan'i Davida. [1]Arovy aho, ry Yaveh, fa mialoka ao aminao aho. [2]Hoy aho tamin'i Yaveh hoe: "Ianao no Tompoko; tsy misy soa ananako ankoatra Anao. [3]Raha ny amin'ireo olo-masina eto an-tany, dia mendri-kaja izy ireo, ny fankasitrahako rehetra dia ho amin'izy ireo.
[4]Ho ampitomboina ny fahorian'ireo izay mitady andriamani-kafa. Tsy mba handraraka fanati-drà amin'ireo andriamanitr'izy ireo aho na hanandratra ny anaran'izy ireo amin'ny molotro.
[5]Ry Yave, Ianao no anjara voafidiko sy kapoakako. Ianao no mihazona ny anjarako. [6]Eo amin'ireo tany mahafinaritra no misy ny voafaritra ho ahy; ahy tokoa ny lova tsara.
[7]Hisaotra an'i Yaveh, izay manoro hevitra ahy aho; eny na dia amin'ny alina aza dia mampianatra ahy ny saiko. [8]Hataoko eo anoloako mandrakariva i Yaveh, mba tsy ho voahozongozona eo an-tanan-kavanany aho!
[9]Noho izany dia faly ny foko; ravoravo ny fanahiko. Hiaina am-pilaminana tokoa aho. [10]Satria tsy hamela ny fanahiko ho any amin'ny Fiainan-tsy hita Ianao. Tsy hamela ilay mahatokinao hahita ny lavaka Ianao.
[11]Nampianarinao ahy ny lalan'ny fiainana; hafaliam-be ny eo anatrehanao; fahafinaretana ny mitoetra eo an-tanan-kavananao mandrakizay!"

17 Vavaka nataon'i Davida. Mihainoa ny fangatahako ny rariny, ry Yaveh; [1]henoy ny antso vonjiko! Atongilano amin'ny fivavahako avy amin'ny molotra tsy misy fitaka ny sofinao. [2]Aoka ho avy eo anatrehanao ny fitsarana ahy; aoka ny masonao hijery ny rariny!
[3]Raha mizaha toetra ny foko Ianao, raha tonga amiko amin'ny alina Ianao, dia hanadino ahy Ianao ary tsy hahita fikasan-dratsy; tsy hanota ny vavako.
[4]Ny amin'ny asan'ny olona, dia tamin'ny tenin'ny molotrao no nitandremako ny tenako tamin'ny lalan'ny mpandika lalàna. [5]Ny diako dia mafy orina teo amin'ny lalanao, ary tsy solafaka ny tongotro.
[6]Miantso Anao aho, fa mamaly ahy Ianao, ry Andriamanitra; atongilano amiko ny sofinao ary mihainoa rehefa miteny aho. [7]Asehoy amin'ny fomba mahatalanjona ny tsy fivadiham-panekenao, Ianao izay mamonjy ireo izay mialoka aminao amin'ny alalan'ny tanan-kavananao amin'ny fahavalon'izy ireo!
[8]Arovy tahaka ny anaka andriamasonao aho; afeno ao ambany aloky ny elatrao [9]amin'ny fanatrehan'ireo ratsy fanahy izay mamely ahy aho, dia ireo fahavaloko izay manodidina ahy. [10]Tsy manana famindram-po na amin'iza na amin'iza izy ireo; ny vavan'izy ireo dia miteny an'avona.
[11]Manodidina ny lalako izy ireo. Mibanjina ny mason'izy ireo mba handavo ahy amin'ny tany. [12]Izy ireo dia tahaka ny liona te hamiravira fatratra, tahaka ny liona tanora mamitsaka amin'ireo toerana fierena.
[13]Mitsangàna, ry Yaveh! Tafiho izy ireo! Akapohy amin'ny tany ny tavan'izy ireo! Avoty tsy ho azon'ny ratsy fanahy amin'ny alalan'ny sabatrao ny aiko! [14]Avoty amin'ny olona amin'ny alalan'ny tananao aho, ry Yaveh, amin'ny olon'izao tontolo izao izay amin'ity fiainana ity ihany no anjarany! Hameno harena ny kibon'ireo sarobidinao Ianao; hanana taranaka maro izy ireo ary hamela ny hareny ho an'ny taranany.
[15]Fa izaho kosa, dia hahita ny tavanao amin'ny fahamarinana; ho afa-po, amin'ny fijerena anao aho, rehefa mifoha.

18 [1]Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida, ilay mpanompon'i Yaveh, rehefa nihira ho an'i Yaveh ny tonon'ity hira ity tamin'ny andro namonjen'i Yaveh azy teny an-tanan'ireo fahavalony rehetra sy teny an-tanan'i Saoly izy. Nihira izy hoe: 1"Tiako Ianao, ry Yaveh, heriko.
[2]Yaveh no harambatoko, fiarovana mafiko, izay mitondra fiarovana ho ahy; Izy no Andriamanitro; haramabatoko, mialoka ao Aminy aho. Izy no ampingako, tandrokin'ny famonjeko, sy fiarovana mafy ho ahy. [3]Hiantso an'i Yaveh izay mendrika ho deraina aho, ary ho voavonjy amin'ireo fahavaloko aho.
[4]Namatotra ahy ireo tadin'ny fahafatesana, ary ireo onjan'ny faharatsiana no nandrendrika ahy. [5]Namatotra ahy ireo tadin'i fiainan-tsy hita; namandrika ahy ny fandriky ny fahafatesana.
[6]Niantso an'i Yaveh aho tao anatin'ny fahoriako; niantso vonjy tamin'ny Andriamanitro ah. Henony ny feoko avy tao amin'ny tempoliny; ny vonjiko dia tonga teo anatrehany; tonga tao an-tsofiny izany.
[7]Ary nihovitra sy nihorohoro ny tany; nihorohoro sy nihovitrovitra ihany koa ny fototr'ireo tendrombohitra satria tezitra Andriamanitra. [8]Niakatra ny sekotra avy tao amin'ny lavakoriny, ary afo midedadeda no nivoaka ny vavany. Nirehitra tamin'izany ny vain'afo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Nosokafany ny lanitra ary nidina izy, ary teo ambanin'ny tongony ny haizina matevina. [10]Nitaingina kerobima Izy ary nanidina; nisosa teny amin'ny elatry ny rivotra Izy.
[11]Nataony trano lay nanodidina azy ny haizina, ireo raho-mainty teny an-danitra. [12]Nilatsaka avy teny amin'ny tselatra teo anoloany ny havandra sy vain'afo.
[13]Nikotroka teny an-danitra Yaveh! Nihiaka ny feon'ny Avo Indrindra. [1] [14]Nandefa ny zana-tsipikany izy ary nampiparitaka ireo fahavalony; tselatra maro no nanaparitaka azy ireo.
[15]Avy eo dia nipoitra ireo fantson-drano; ireo fanambanin'izao tontolo izao dia nipotra tamin'ny hikam-piadianao, ry Yaveh-tamin'ny fipoaky ny fofon'ain'ny lavakoronao.
[16]Naninjitra ny tanany avy any ambony Izy; nandray ahy Izy! Nisintona ahy avy tao amin'ny rano manonja Izy.
[17]Nanavotra ahy tamin'ny fahavaloko matanjaka Izy, tamin'ireo izay nankahala ahy, satria mafy loatra ho ahy izy ireo.
[18]Tonga nanohitra ahy izy ireo tamin'ny androm-pahoriako fa Yaveh no nanohana ahy! [19]Nanafaka ahy teny amin'ny toerana malalaka Izy; namonjy ahy Izy satria nahafinaritra Azy aho.
[20]Nanome valisoa ahy Yaveh nohon'ny fahamarinako; manarina ahy Izy satria nadio ny tanako. [21]Fa izaho efa nitandrina ireo didin'i Yaveh ary tay nivadika ratsy fanahy tamin'ny Andriamanitro.
[22]Fa efa teo anoloako ireo lalàny marina rehetra; raha ny amin'ireo didiny, dia mbola tsy nivadika tamin'ireo aho. [23]Izaho ihany koa dia tsy nanan-tsiny teo anatrehany, ary nitandrina ny tenako tamin'ny fahotana aho. [24]Noho izany dia namelona ahy indray Yaveh nohon'ny fahamarinako, satria nadio teo imasony ny tanako.
[25]Izay mahatoky. dia ampisehoanao fahatokisana; ny olona izay tsy misy tsiny, dia ampisehoanao tsy fananan-tsiny. [26]Ny olona izay madio, dia ampisehoanao fahadiovana; fa Ianao dia mahira-tsaina amin'izay ratsy fanahy.
[27]Fa Ianao manavotra ireo olona ory, ary manambany ireo izay mirehareha! [28]Fa Ianao mandrehitra ny jiroko; manazava ny haiziko Yaveh Andriamanitro. [29]Fa amin'ny alalanao no ahafahako mihazakazaka ambonin'ny sakana; amin'ny alalan'ny Andriamanitro no ahafahako mandingana rindrina.
[30]Raha ny amin'Andriamanitra: tonga lafatra ny lalany. Ny tenin'i Yaveh dia madio! Ampingan'izay rehetra mialoka ao aminy Izy. [31]Fa iza no Andriamanitra ankoatr'i Yaveh? Fa iza no harambato ankoatr'i Yaveh? [32]Andriamanitra no mametraka hery amiko toy ny fehin-kibo, izay mametraka ny olona tsy misy tsiny eo amin'ny lalany.
[33]Ataony haingam-pandeha toy ny diera ny tongotro ary mametraka ahy eny amin'ireo toerana avo! [34]Manazatra ny tanako ho amin'ny ady izy ary ny sandriko hamoritra ny tsipìka varahina.
[35]Efa nomenao ahy ny ampingan'ny famonjenao. Efa nanohana ahy ny tananao ankavanana, ary ny fankasitrahanao dia naha-lehibe ahy. [36]Efa nanao toerana malalaka eo ambaniko ho an'ny tongotro Ianao mba tsy hampibolisatra ny tongotro.
[37]Nanenjika ireo fahavaloko aho ary nahatratra azy ireo; tsy niverina aho nandra-paharava azy ireo. [38]Nopotehiko izy ireo mba tsy ahafahany miharina; efa lavo tao ambanin'ny tongotro izy ireo. [39]Fa ianao nametraka hery tamiko toy ny fehin-kibo ho amin'ny ady; nataonao ambaniko ireo izay nitsangana hanohitra ahy.
[40]Nampiamboho ny vozon'ireo fahavaloko ho ahy Ianao; noringaniko ireo izay nankahala ahy. [41]Niantso vonjy izy ireo, saingy tsy nisy nanavotra azy ireo; niantso an'i Yaveh izy ireo. saingy tsy novaliany. [42]Notorotoroko madinika toy ny vovoka anoloan'ny rivotra izy ireo; nariako toy ny fotaka any an-dalana izy ireo.
[43]Nanavotra ahy tamin'ny fifamalian'ny olona Ianao. Nataonao lohan'ireo firenena aho. Manompo ahy ireo olona tsy fantatro. [44]Raha vao nandre ahy izy ireo, dia nankatoa ahy; voatery niondrika teo anatrehako ireo mpivahiny. [45]Tonga am-pihorohoroana avy ao amin'ny fiarovana mafin'izy ireo ny mpivahiny.
[46]Velona Yaveh; ho deraina anie ny orimbatoko. Ho asandratra anie ny Andriamanitry ny famonjena. [47]Izy ilay Andriamanitra izay namaly faty ho ahy, izay nanolotra ireo firenena ho ambaniko.
[48]Afaka tamin'ireo fahavaloko aho! Eny tokoa, nampiakarinao ambonin'ireo izay nijoro hanohitra ahy ahy! Navotanao tamin'ireo lehilahy mahery fihetsika aho. [49]Noho izany dia hanome fisaorana ho anao, amin'ireo firenena aho, ry Yaveh; hihira fiderana ho an'ny anaranao aho!
[50]Andriamanitra dia nanome fandresena lehibe ho an'ny mpanjakany, ary nampiseho ny fifanekem-pitokiana tamin'ilay voahosony, tamin'i Davida sy ireo taranany rahatrizay.

---

[1]Fanamarihana: ireo dikan-teny sasany amin'izao fotoana dia manampy hoe: "havandra sy vain'afo" aorian'ny nihika. Io fomba fiteny io dia mety fiverenana tsy nahy tao amin'ny andininy teo aloha.

---

19 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. [1]Ny lanitra manambara ny voninahitr'Andriamanitra, ary ny habakabaka mampahafantatra ny asan'ny tanany! [2]Isan'andro isan'andro dia mipololotra ny teny; isan'alina dia manambara fahalalana izany. [3]Tsy misy lahateny na teny voalaza; tsy re ny feon'izy ireo.
[4]Efa nivoaka nanerana ny tany rehetra ny tenin'izy ireo, ary any am-paran'ny tany ny lahatenin'izy ireo. Efa nanangana lay ho an'ny masoandro teo amin'ireo Izy. [5]Ny masoandro dia tahaka ny mpampakatra mivoaka avy ao amin'ny efitranony ary tahak ny lehilahy mahery izay mifaly rehefa manao ny fihazakazahany. [6]Miposaka avy any amin'ny fara-vodilanitra iray ny masoandro ary mitety ny habakabaka ho any amin'ny iray hafa; tsy misy zavatra afaka mandositra ny hafanany.
[7]Tonga lafatra ny lalàn'i Yaveh, manarina ny fanahy; azo; antoka ny teny vavolombelon'i Yaveh, maha-hendry ny tsotra.
[8]Mahitsy ny fampianaran'i Yaveh; mampiravoravo ny fo; madio ny didin'i Yaveh, mitondra fahazavana ho an'ny maso.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Madio ny tahotra an'i Yaveh, maharitra mandrakizay; marina sady mahitsy avokoa ireo didy marin'i Yaveh! [10]Sarobidy mihoatra noho ny volamena izany, eny mihoatra ny volamena tena tsara aza; mamy noho ny tantely sy ny tantely mitete avy amin'ny tohon-tantely izany.
[11]Eny, amin'ny alalan'izany no hampitandremana ny mpanomponao; fa hisy valisoa lehibe amin'ny fankatoavana izany.
[12]Iza no afaka mamantatra ireo fahadisoany rehetra? Diovy amin'reo heloka miafina aho.
[13]Tandremo ny mpanomponareo tsy ho azon'ny ota sahisahy; aza avela hanapaka ahy ireo. Dia ho tonga lafatra aho, ary tsy hanan-tsiny amin'ny fandikan-dalàna maro. [14]Ho ekena eo imasonao anie ireo tenin'ny vavako sy ireo fihevitry ny foko, ry Yaveh, vatolampiko sy mpanavotro.

20 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. [1]Hanampy anao amin'ny androm-pahorianao anie Yaveh; ny anaran'Andriamanitr'i Jakoba anie hiaro anao [2]ary handefa fanampiana avy amin'ny toerana masina mba hanohanana anao avy ao Ziona.
[3]Ho tsaroany anie ireo fanatitrao rehetra ary ho ekeny anie ny soronao dorana. Sela [4]Hanome anao izay irian'ny fonao anie Izy ary hanatanteraka ireo fikasanao rehetra.
[5]Dia hifaly amin'ny fandresenao izahay, ary amin'ny anaran'Andriamanitray, no hananganay faneva. Hanome izay fangatahanao rehetra anie Yaveh. [6]Fantatro ankehitriny fa hanavotra ny olom-boahosony Yaveh; hamaly azy avy any an-daniny masina amin'ny herin'ny tanany havanana izay afaka manavotra azy Izy.
[7]Ny sasany mitoky amin'ny kalesy ary ny hafa amin'ny soavaly, fa izahay dia niantso an'i Yaveh Andriamanitray. [8]Ho entina midina izy ireo ka ho lavo, fa isika dia hiarina ary hijoro mahitsy!
[9]Ry Yaveh, vonjeo ny mpanjaka; ampio izahay raha miantso.

21 [1]Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Mifaly amin'ny herinao ny mpanjaka, ry Yaveh! Akory ny halehiben'ny fifaliany amin'ny famonjena nomenao! [2]Nomenao azy ny fanirian'ny fony ary tsy nolavinao ny fangatahan'ny molony. Sela
[3]Fa mitondra fitahiana be ho azy Ianao; nametraka satro-boninahitra volamena madio indrindra teo an-dohany Ianao.
[4]Nangataka aina taminao izy; dia nomenao azy izany; nomenao andro maro mandrakizay doria izy.
[5]Lehibe nohon'ny fandresenao ny voninahiny; efa nanome famirapiratana sy ny voninahitra ho azy Ianao. [6]Fa manome antoka fitahiana maharitra ho azy Ianao; mampiravoravo azy amin'ny fifalian'ny fanatrehanao Ianao.
[7]Fa matoky an'i Yaveh ny mpanjaka; amin'ny alalan'ny fanekena mahatokin'ny Avo Indrindra no tsy hanalana azy.
[8]Hisambotra ireo fahavalonao rehetra ny tananao; hisambotra ireo izay mankahala anao ny tananao havanana.
[9]Amin'ny fotoan'ny fahatezeranao, dia handoro azy ireo ao amin'ny lafaoro mirehitra Ianao. [10]Handevona azy ireo ao amin'ny fahatezerany i Yaveh, ary handevona azy ireo ny afo. Hamotika ny zanak'izy ireo amin'ny tany sy ny taranak'izy ireo eo anivon'ny olombelona Ianao.
[11]Fa nikasa hanisy ratsy anao izy ireo; namolavola teti-dratsy izay tsy hahombiazany izy ieo! [12]Fa hampiamboho azy ireo Ianao; hamoaka ny tsipikanao eo anoloan'izy ireo ianao.
[13]Misandrata, ry Yaveh, amin'ny herinao; hihira sy hidera ny herinao izahay.

22 Ho an'ny mpiventy hira; natao tamin'ny "Gadon'ny Diera." Salamo nataon'i Davida. [1]Andriamanitro o, Andriamanitro o, nahoana no nandao ahy Ianao? Nahoana no lavitra loatra amin'ny famonjena ahy Ianao ary lavitra amin'ireo tenin'ny fangirifiriako? [2]Andriamanitro o, nitaraina taminao aho ny atoandro, nefa tsy novalinao, ary ny alina dia tsy nangina aho!
[3]Kanefa masina Ianao; mipetraka tahaka ny mpanjaka amin'ny fideran'ny Israely Ianao. [4]Natoky Anao ireo razambenay; natoky Anao izy ireo, ka novonjenao. [5]Nitaraina taminao izy ireo ka novonjena. Natoky Anao izy ireo ka tsy diso fanantenana.
[6]Nefa kankana aho fa tsy mba olona, fahafaham-baraka ho an'ny olombelona ary nataon'ny olona tsinontsinona. [7]Ireo rehetra izay mahita ahy dia miteny ratsy ahy; esoin'izy ireo aho; ary manifikifi-doha amiko izy ireo. [8]Hoy izy ireo:
"Matoky an'i Yaveh izy; aoka hanavotra azy Yaveh. Aoka Izy hanavotra azy, fa ankasitrahiny izy."
[9]Fa ianao no nitondra ahy avy tao am-bohoka; nataonao matoky Anao aho fony teo an-tratran-dreniko. [10]Natsipy taminao hatrany am-bohoka aho; Ianao no Andriamanitro hatramin'izaho tao an-kibon-dreniko!
[11]Aza manalavitra ahy, fa akaiky ny fahoriana; tsy misy olona hanampy ahy. [12]Manodidina ahy ny ombilahy maro, manodidina ahy ny ombilahy masiakan'ny Basana. [13]Hampitanatana ny vavany amiko tahaka ny liona mierona mandrapaka ny hazany ireo.
[14]Nararaka tahaka ny rano aho, ary nipitsoka ny taolako rehetra. Tahaka ny savoka ny foko; miempo ao anatiko izany.
[15]Maina tahaka ny vilany tany ny heriko; miraikitra amin'ny lanilaniko ny lelako. Nampandry ahy teo amin'ny vovoky ny fahafatesana Ianao.
[16]Fa nanodidina ahy ny alika; efa mihodidina ahy ny vondron'ny mpanao ratsy; noloahan'izy ireo ny tanako sy ny tongotro. [17]Voaisako ny taolako rehetra. Mijery sy nandinika ahy izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[18]Nozarain'izy ireo teo aminy ireo fitafiako; nilokan'izy ireo ny akanjoko. [19]Aza manalavitra ahy, ry Yaveh; faingàna re hanavotra ahy, ry heriko!
[20]Avoty amin'ny sabatra ny fanahiko, ny hany fiainako amin'ny andian'ambodia. [21]Vonjeo amin'ny vavan'ny lipna aho; avoty amin'ny tandroky ny ombidia aho
[22]Hanambara ny anaranao amin'ireo rahalahiko aho; eo afovoan'ny fiangonana no hiderako Anao. [23]Ianareo izay matahotra an'i Yaveh, miderà Azy! Ianareo taranak'i Jakoba rehetra, manomeza voninahitra Azy! Mijoroa am-pitalanjonana Aminy, ianareo taranak'Israely rehetra.
[24]Fa tsy nanao tsinontsinona na nankahala ny fijalian'ny olona ory Izy; tsy nanafina ny tavany taminy Yaveh; raha nitaraina taminy ilay olona ory, dia nandre Izy. [25]Ny fiderako dia ho noho Ianao ao am-piangonana lehibe; hanatanteraka ireo voadiko anoloan'ireo izay matahotra Azy aho.
[26]Ny ory dia hihinana ha ho afa-po; ireo izay mitady an'i Yaveh hidera Azy. Ho velona mandrakizay anie ny fonareo.
[27]Hahatsiaro ary hiverina amin'i Yaveh ireo vahoaka rehetra amin'ny tany; hiankohoka eo anatrehanao ireo fianakaviam-pirenena rehetra.
[28]Fa an'i Yaveh ny fanjakana; Izy no mpanapaka ireo firenena. [29]Ny olona mpanan-karena rehetra dia hiravoravo sy hidera; hiankohoka eo anatrehanao ireo rehetra izay hody vovoka, ireo izay tsy afaka miaro ny ain'izy ireo.
[30]Ny taranaka ho avy dia hanompo Azy, hilaza amin'ny taranaka manaraka ny amin'ny Tompo izy ireo. [31]Ho tonga izy ireo ary hilaza ny fahamarinany; hilaza amin'ny olona mbola tsy teraka izay efa nataony izy ireo!

23 [1]Salamo nataon'i Davida. 1Yaveh no mpiandry ahy; tsy hanan-java mahory aho. [2]Mampandry ahy amin'ny ahi-maitso Izy; mitarika ahy amoron'ny rano fialan-tsasatra Izy.
[3]Mamerina ny aiko Izy; mitarika ahy any amin'ny lala-marina noho amin'ny anarany Izy.
[4]Na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra loza aho fa momba ahy Ianao; ny tsora-kazonao sy ny tehinao no mahafa-tahotra ahy.
[5]Manomana latabatra eo anoloako eo anatrehan'ireo fahavaloko Ianao; efa nanosotra diloilo ny lohako Ianao; ny kapoakako dia feno mihoatra.
[6]Fahatsarana sy fanekena mahatoky tokoa no hanaraka ahy amin'ny androm-piainako rehetra; ary hitoetra ao an-tranon'Yaveh mandritra ny fotoana ela aho!

24 Salamo nataon'i Davida. [1]An'i Yaveh ny tany, sy izay mameno azy, izao tontolo izao, sy izay rehetra monina ao. [2]Fa efa hitany teo ambonin'ireo ranomasina izany ary naoriny teo amin'ireo renirano.
[3]Iza no hiakatra amin'ny tendrombohitr'i Yaveh? Iza no hijoro ao amin'ny toerany masina? [4]Izy izay manana tanana madio sy fo madio; izay tsy nanandratra lainga, ary tsy nianiana fianianana mba hamitahana.
[5]Handray fitahiana avy amin'i Yaveh izy ary fahamarinana avy amin'Andrimanitry ny famonjena azy. [6]Tahaka izany no taranak'ireo izay mitady Azy, ireo izay mitady ny endrik'Andriamanitr'i Jakoba. Sela
[7]Asandrato ny lohanareo, ianareo ry vavahady; misandratra, ry varavarana mandrakizay, mba hidiran'ny Mpanjakan'ny voninahitra! [8]Iza no Mpanjakan'ny voninahitra? Yaveh, matanjaka sy mahery; Yaveh, mahery amin'ny ady.
[9]Asandrato ny lohanareo, ianareo ry vavahady misandrata, ry varavarana mandrakizay, mba hidiran'ny Mpanjakan'ny voninahitra! [10]Iza no Mpanjakan'ny voninahitra? Yaveh Tompon'ny maro, Izy no Mpanjakan'ny voninahitra. Sela

25 Salamo nataon'i Davida. [1]Ho Anao, ry Yaveh, no anandratako ny aiko! [2]Andriamanitro o, matoky Anao aho. Aza avela ho menatra aho; aza avela hifaly amim-pandresena amiko ireo fahavaloko. [3]Tsy hisy ho afa-baraka anie ny olona izay manantena Anao, ireo ho menatra ireo izay mamitaka tsy amin'ny antony!
[4]Ampahafantaro ahy ireo lalanao, ry Yaveh; ampianaro ahy ireo lalanao. [5]Tariho ho ao amin'ny fahamarinanao aho ary ampianaro, fa Ianao no Andriamanitry ny famonjena ahy; manantena Anao mandritra ny andro aho.
[6]Tsarovy, ry Yaveh, ireo asa fangorahanao sy fanekenao mahatoky; fa efa nisy mandrakariva ireo. [7]Aza mihevitra ireo fahotan'ny fahatanorako na ny fikomiako; Tsarovy amin'ny fanekena mahatoky noho ny fahatsaranao aho, ry Yaveh!
[8]Tsara sy mahitsy i Yaveh; ka mampianatra ireo mpanota ny lalana Izy. [9]Mitarika ny manetry tena amin'izay marina Izy ary mampianatra azy ireo ny lalany.
[10]Ireo lalan'i Yaveh rehetra dia fitiavana maharitra sy fahatokiana ho an'ireo izay mitandrina ny fanekeny sy ireo didiny mafy. [11]Fa noho ny anaranao, ry Yaveh, dia mamelà ny heloko, fa lehibe izany.
[12]Iza no olona matahotra an'i Yaveh? Ny Tompo no hanoro azy ny lalana izay tokony hosafidiany. [13]Ny fiainany dia ho ao amin'ny fahatsarana; ary ireo taranany handova ny tany.
[14]Ny finamanana amin'i Yaveh dia ho an'ireo izay manome voninahitra Azy, ary mampahafantatra ny fanekeny amin'izy ireo Izy. [15]Amin'i Yaveh mandrakariva ny masoko, ka hanafaka ny tongotro amin'ny harato Izy. [16]Mitodiha amiko ary mamindra fo amiko; fa irery sy ory aho.
[17]Mihitatra ireo fahorian'ny foko; esory ao amin'ny fahoriako aho! [18]Jereo ny fahoriako sy ireo fisasarako; mamelà ny fahotako rehetra. [19]Jereo ireo fahavaloko, fa maro izy ireo; mankahala ahy amim-pankahalana lozabe izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Arovy ny aiko ka avoty aho; aza avela ho menatra aho, fa mialoka Aminao! [21]Hiaro ahy anie ny tsy fivadihana sy ny fahitsiana, fa manantena Anao aho.
[22]Avoty amin'ny fahoriany rehetra ny Israely, Andriamanitra o!

26 Salamo nataon'i Davida. [1]Tsarao aho, ry Yaveh, fa nandeha tamim-pahitsiana aho; nahatoky an'i Yaveh tsy tamim-pisalasalana aho. [2]Diniho aho, ry Yaveh, ary izahao toetra aho; izahao toetra ny fahadiovan'ny ato anatiko sy ny foko!
[3]Fa ny fanekenao mahatoky no manoloana ny masoko, ary mandeha eo amin'ny fahatokianao aho.
[4]Tsy mikambana amin'ireo olona mpamitaka aho, na miharoharo amin'ireo olona tsy marina. [5]Halako ny fiangonan'ireo mpanao ratsy, ary tsy miara-mipetraka amin'ny ratsy fanahy aho.
[6]Manasa ny tanako amin'ny tsy fananan-tsiny aho, ary mandeha manodidina ny alitaranao, ry Yaveh, [7]mba hihira fiderana mafy sy hilaza ny asanao mahagaga rehetra. [8]Ry Yaveh, tiako ny trano izay hitoeranao, ny toerana izay itoeran'ny voninahitrao!
[9]Aza mandripaka ahy miaraka amin'ireo mpanota, na ny aiko miaraka amin'ireo olona lian-drà, [10]eo an-tanan'ireo izay misy teti-dratsy, ary eo amin'izay feno kolikoly ny tanany ankavanana.
[11]Fa izaho kosa, handeha amin'ny fahitsiana aho; avoty aho ary mamindrà fo amiko. [12]Mitsangana eo amin'ny tany marina ireo tongotro; eo amin'ireo fiangonana no hiderako an'i Yaveh!

27 Salamo nataon'i Davida. [1]Yaveh no fahazavako sy famonjeko; iza no hatahorako? Yaveh no fialofan'ny aiko; iza no tokony hatahorako?
[2]Raha manatona handrotika ny nofoko ireo mpanao ratsy, ireo mpandrafy ahy sy ireo fahavaloko dia tafitohina ka lavo.
[3]Na dia misy tafika mitoby hanohitra ahy aza, dia tsy hatahotra ny foko; na dia misy ady hanohitra ahy, na amin'izany aza dia mbola hijanona mahatoky aho.
[4]Zavatra iray no nangatahiko tamin'i Yaveh, ary hitady iznay aho: mba hahafahako mitoetra ao an-tranon'i Yaveh mandritra ny andro rehetra iainako, mba hahita ny fahatsaran'i Yaveh sy ny hisaintsaina ao an-tempoliny.
[5]Fa amin'ny andron'ny fahoriako dia hanafina ahy eo amin'ny fialofany Izy; eo amin'ny rakotry ny lainy no hanafenany ahy. Hampiakatra ahy ho eny amin'ny vatolampy Izy! [6]Ary ny lohako dia hisandratra eo ambonin'ireo fahavaloko manodidina ahy rehatra, hanolotra ireo fanati-pisorom-pifaliana ao an-dainy aho! Hihira sy hanao hira ho an'i Yaveh aho!
[7]Mihainoa ny feoko, ry Yaveh, rehefa miantso mafy aho! Manindrà fo amiko, ary valio aho! [8]Miteny momba anao ny foko hoe: "Tadiavo ny tavany!" Mitady ny tavanao aho, ry Yaveh!
[9]Aza manafina ny tavanao amiko; aza mamily ny mpanomponao am-pahatezerana! Ianao no efa nanampy ahy; aza mahafoy na mandao ahy, ry Andriamanitry ny famonjeko! [10]Fa na mahafoy ahy aza ny raiko sy ny reniko, Yaveh no handray ahy.
[11]Ampianaro ahy ny lalanao, ry Yaveh! Tariho amin'ny lalana marina aho noho ireo fahavaloko. [12]Aza manary ahy ho amin'ny fanirian'ireo fahavaloko, fa ireo vavolombelona sandoka mitsangana hanohitra ahy, ary miaina herisetra izy ireo!
[13]Inona no nanjo ahy raha tsy nino aho fa izaho dia hahita ny fahatsaran'i Yaveh eo amin'ny tany honenana? [14]Miandrasa an'i Yaveh; ary matanjaha, aoka ny fonao hahery! Miandrasa an'i Yaveh!

28 [1]Salamo nataon'i Davida. Hihiaka mafy ho aminao aho, ry Yaveh; vatolampiko, aza atao tsinontsinona aho. Raha tsy mamaly ahy ianao, dia hiaraka amin'ireo izay midina any am-pasana aho. [2]Henoy ny feon'ny fitarainako raha mitady fanampiana avy aminao aho, raha manandratra ny tanako manatrika ny fitoeranao masina indrindra aho!
[3]Aza misintona ahy hiala miaraka amin'ny ratsy fanahy, izay manao heloka, izay manonona fiadanana amin'ny naman'izy ireo nefa manana faharatsiana ao am-pon'izy ireo. [4]Omeo azy ireo ny sahaza ny asan'izy ireo ary valio izay takian'ny faharatsiam-panahiny, valio izy ireo ny amin'ny asan'ny tanan'izy ireo, valio izay sahaza azy ireo. [5]Satria tsy takany ireo asan'i Yaveh na ny asan'ny tanany, hanimba azy ireo izy ary tsy hanangana azy ireo intsony.
[6]Deraina anie Yaveh satria efa naheno ny feon'ny fitarainako Izy! [7]Yaveh no heriko sy ampingako; ny foko matoky Azy, dia ampiana aho. Noho izany dai ravoravo fatratra ny foko, ary izaho hidera Azy amin'ny fihirana. [8]Yaveh no herin'ny olony, ary Izy no fialofana famonjen'ilay voahosony iray.
[9]Vonjeo ireo vahoakanao ary tahio ny lovanao. Meteza ho mpiandry ondriny ary ento mandrakizay izy ireo.

29 [1]Salamo nataon'i Davida. Manomeza fiderana ho an'i Yaveh, ianareo ry zanak'Andriamanitra! Manomeza fiderana ho an'i Yaveh nohon'ny voninahiny sy ny heriny. [2]Omeo an'i Yaveh ny voninahitra izay mendrika ny anarany. Miankohofa amin'i Yaveh eo amin'ny famirapiratan'ny fahamasinany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Ny feon'i Yaveh dia re eny ambonin'ny rano; ilay Andriamanitry ny voninahitry ny kotroka, ary Yaveh mikotroka eo amin'ireo rano maro. [4]Ny feon'i Yaveh dia mahery; ny feon'i Yaveh dai be voninahitra. [5]Ny feon'i Yaveh dia mamaky ireo sedera; ary torotoroin'i Yaveh ireo sedera any Libanona.
[6]Mampitsambikimbikina an'i Libanona tahaka ny zanak'omby ary Siriona toy ny vatotr'omby Izy. [7]Ny feon'i Yaveh dia mamoaka lelafo. [8]Ny feon'i Yaveh dia mampihozongozona ny tany efitra; Yaveh mampihozongozona ny efitr'i Kadesy.
[9]Ny feon'i Yaveh dia mahatonga ny hazo terebinta hihetsika ary mamofy ny hoditr'ireo ala. Ny olona rehetra any an-tempoliny miteny hoe: "Voninahitra!" [10]Yaveh dia mipetraka toy ny mpanjaka eo amin'ny tondra-drano; Yaveh mipetraka toy ny mpanjaka mandrakizay.
[11]Yaveh dia manome hery ny olony; Yaveh dia mitahy ny olony amim-piadanana.

30 Salamo; hira amin'ny fanoloran-tena ho an'ny tempoly. Salamo nataon'i Davida. [1]Hanandratra Anao aho, ry Yaveh, fa nanangana ahy Ianao ary tsy namela ireo fahavaloko hiravoravo eo amiko. [2]Ry Yaveh Andrimanitro, niantso ny famonjenao aho, ary nanasitrana ahy Ianao. [3]Ry Yaveh, nitondra ny fanahiko niakatra avy tany amin'ny Fiainan-tsy hita ianao; ary nitahiry ahy ho velona tsy hidina any am-pasana.
[4]Mihirà fiderana ho an'i Yaveh, ianareo ry vahoakany mahatoky! Manomeza fiasaorana raha mahatsiaro ny fahamasinany ianareo. [5]Fa ny fahatezerany dia vetivety monja; fa ny fankasitrahany dia mandritra ny androm-piainana. Tonga ny fitomaniana amin'ny alina, fa ny fifaliana tonga ny maraina.
[6]Am-pahatokiana ni ilazako hoe: "Tsy mba hangozohozo mandrakizay aho." [7]Ry Yaveh, nohon'ny fankasitrahana dia nanao ahy ho toy ny tendrombohitra matanjaka Ianao; dia ory aho. [8]Niantso Anao aho, ry Yaveh, ary nitady sitraka avy amin'ny Tompoko!
[9]Inona no tombony amin'ny fahafatesako, raha handeha hidina hidina any am-pasana aho? Hidera Anao ve ny vovoka? Hanambara ny fahamendreham-pitokisanao ve izany? [10]Mihainoa, ry Yaveh, ary mamindrà fo amiko! Ry Yaveh, meteza ho mpanampy ahy.
[11]Namadika ny fisaonako ho fandihizana Ianao; nanala ny akanjo fisaonako Ianao ary nampitafy ahy tamin'ny fifaliana.
[12]Koa ankehitriny ny voninahitro dia hihira fiderana ho Anao ary tsy hangina; ry Yaveh Andriamanitro, hanome fisaorana Anao mandrakizay aho!

31 [1]Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Aminao, ry Yaveh, no hialofako; aza avela ho afa-baraka aho. Avoty amin'ny fahamarinanao aho. [2]Mihainoa ahy; faingàna hanavotra ahy; meteza ho vatolampy fialofako, fiarovana mafy hamonjy ahy.
[3]Fa vatolampiko sy fiarovana mafy ho ahy Ianao; koa nohon'ny amin'ny anaranao, tariho sy tantano aho. [4]Sintony hiala amin'ny harato izay nafenin'izy ireo ho ahy aho, fa Ianao no fialofako.
[5]Eo an-tananao no anankinako ny fanahiko; hanavotra ahy Ianao, ry Yaveh, ry Andriamanitry ny fahamendreham-pitokisana. [6]Halako ireo izay manompo sampy zava-poana, fa izaho hatoky an'i Yaveh. [7]Hifaly sy hiravoravo amin'ny fanekenao mahatoky aho, fa Ianao nahita ny fahoriako; fantatrao ny fahorian'ny fanahiko.
[8]Tsy nomenao ho eo an-tanan'ireo fahavaloko aho. Nametraka ny tongotro ho eo amin'ny tany malalaka Ianao.
[9]Mamindrà fo amiko, ry Yaveh, fa ao anatin'ny fahoriana aho; miha-reraky ny alahelo ny masoko miaraka amin'ny fanahiko sy ny vatako.
[10]Fa ny aiko dia reraky ny alahelo ary ny taonako nohon'ny fisentoana. Lefy ny heriko nohon'ny fahotako, ary ireo taolako dia mihalany. [11]Noho ireo fahavaloko rehetra, ny olona manao tsinontsinona ahy; ireo mpiray monina amiko rikoriko amin'ny manjo ahy; ary ireo izay mahafantatra ahy dia mivarahontsana. Ireo izay mahita ahy eny an-dalana mitsoaka ahy.
[12]Adino toy ny olona maty izay tsy misy mpieritreritra aho. Toy ny vilany vaky aho. [13]Fa reko ny bitsibitsiky ny maro, ireo vaovao mampahatahotra avy eny rehetra eny satria izy ireo miray tetika hanohitra ahy. Mitetika ny haka ny aiko izy ireo.
[14]Fa matoky Anao aho, ry Yaveh; hoy aho hoe: "Andriamanitro Ianao." [15]Ny anjarako dia eo an-tananao. Avoty amin'ny tanan'ireo fahavaloko sy ireo izay manenjika ahy aho. [16]Hampamirapirato amin'ny mpanomponao ny tavanao; avoty amin'ny fanekenao mahatoky aho.
[17]Aza avela ho menatra aho, ry Yaveh; fa izaho miantso Anao! Ho menatra anie izay ratsy fanahy! Hangina any amin'ny fiainan-tsy hita anie izy ireo. [18]Aoka ireo molotra mandainga hangina izay miresaka hanohitra ny fahamarinana amim-pihantsiana miaraka amin'ny fiavonavonana sy ny fanamavoana.
[19]Endrey ny fahatsaranao izay notehirizinao ho an'izay nanaja anao, izay tanterahinao amin'izay mialoka aminao manoloana ireo zanak'olombelona rehetra! [20]Eo amin'ny fialofan'ny teti-dratsin'ireo olona. Manafina azy ireo amin'ny fialofana amin'ny herisetran'ny lela Ianao.
[21]Ho deraina anie Yaveh, fa naneho ny fanekeny mahatoky mahagaga Izy raha tao anatin'ny tanàna voafahirano aho. [22]Na dia nilaza tamin'ny fahatairako aza aho hoe: "Nesorina tsy ho eo imasonao aho," eny mbola mandre ny fitarainako famonjena Ianao raha niantso Anao aho.
[23]Tiava an'i Yaveh, ianareo ry mpanara-dia mahatoky. Yaveh miharo ny mahatoky, fa mamaly tanteraka ny mpiavonavona. [24]Mahereza sy matanjaha, ianareo rehetra izay matoky an'i Yaveh amin'ny famonjena.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

32 Salamo nataon'i Davida. Maskila. [1]Sambatra ny olona izay voavela heloka, sy ireo izay voasarona ny fahotany.
[2]Sambatra ny olona izay tsy meloka teo amin'i Yaveh sy ireo izay tsy misy fitaka ny fanahiny.
[3]Rehefa nangina aho, dia nihaosa ny taolako, raha nitaraina nadritran'ny tonntolo andro aho. [4]Navesatra tamiko andro aman'alina ny tananao. Nalazo tahaka ny amin'ny lohataona maina ny tanjako. Sela
[5]Dia nampahafantariko Anao ny fahotako, ary tsy nafeniko intsony ny heloko. Hoy aho: "Hanambara ireo hadisoako amin'i Yaveh aho," dia navelanao ny helokin'ny fahotako. Fiatoana sy fiderana. [6]Noho izany, izay rehetra ark'Andriamanitra dia tokony hivavaka Aminao amin'ny fotoanan'ny fahoriam-be. Ary rehefa manonja mafy ny rano, dia tsy hahazo ireo olona ireo izany.
[7]Ianao no toerana fiafenako; hiambina ahy amin'ny fahoriana Ianao. Hodidininao amin'ireo hiram-pandresena aho. Fiatoana sy fiderana. [8]Hanoro lalana anao sy hampianatra anao amin'izay lalana tokony halehanao Aho. Hanoro lalana anao Aho ary hitsinjo anao ny masoko.
[9]Aza manahaka ny soavaly na ny ampondra, izay tsy manana fahazavan-tsaina; fa amin'ny lamboridy sy kapoka ihany no hifehezana azy ireny handeha any amin'izay tianao hitondrana azy ireo. [10]Manana olana maro ny ratsy fanahy, fa ny fanekena mahatokin'i Yaveh kosa no hanodidina izay olona mahatoky Azy.
[11]Mifalia amin'i Yaveh, ary miravoa, ianareo ry marina; manaova feo fifaliana, ianareo rehetra izay mahitsy am-po.

33 [1]Mifalia amin'i Yaveh, ianareo ry marina, ny fiderana dia mety ho an'ny mahitsy. [2]Manomeza fisaorana an'i Yaveh amin'ny harpa; mihirà fiderana ho Azy amin'ny harpa tory folo. [3]Mihirà fihiram-baovao ho Azy; mitendre tsara ary mihirà an-kafaliana.
[4]Fa mahitsy ny tenin'Yaveh, ary ny zava-drehetra ataony dia ara-drariny. [5]Tia rariny sy fahamarinana Izy. Heniky ny fanekena mahatokin'Yaveh ny tany. [6]Tamin'ny tenin'i Yaveh no namoronana ny lanitra, ary ny kintana rehetra dia natao tamin'ny fofon'ain'ny vavany.
[7]Manangona ny ranon'ny ranomasina rehetra tahaka ny atontan-javatra Izy; ataony ao amin'ny fitehirizan-drano ny ranomasim-be. [8]Aoka hatahotra an'i Yaveh ny tany manontolo; aoka ho talanjona Aminy ny mponin'ny tany rehetra. [9]Fa niteny Izy, dia tanteraka izany; nandidy Izy, dia nisy teo amin'ny toerany izany.
[10]Mandrava ireo fifanarahan'ireo firenena i Yaveh, manapaka eo amin'ny fikasan'ireo vahoaka Izy. Maharitra mandrakizay ny fikasan'i Yaveh. [11]Ny fikasan'ny fony dia ho an'ny taranaka rehetra. [12]Sambatra ny firenena izay manana an'i Yaveh ho Andriamaniny, dia ny olony izay nofidiany ho mpandovany.
[13]Mijery avy eny amin'ny lanitra i Yaveh; mahita ny olona rehetra Izy. [14]Avy eny amin'ny toerana izay hitoerany no hitazanany izay rehetra miaina ambonin'ny tany. [15]Izy ilay namolavola ny fon'izy ireo rehetra no mandinika ireo nataon'izy ireo rehetra.
[16]Tsy misy mpanjaka voavonjin'ny tafika maro, ary ny lehilhy mpiady dia tsy voavonjin'ny halehiben'ny heriny. [17]Ny soavaly dia fiarovana mamitaka ho an'ny fandresena; Na dia eo aza ny tanjany lehibe, dia tsy afaka mamonjy izy.
[18]Indro, ny mason'i Yaveh dia eo amin'ireo izay matahotra Azy; amin'ireo izay manantena ny famindram-pony mahatoky
[19]mba hanafaka ny ain'izy ireo amin'ny fahafatesana, ary mba hamelona azy ireo amin'ny fotoanan'ny mosary.
[20]Miandr an'i Yaveh isika, izy no famonjena sy fialofantsika. [21]Mifaly ao Aminy ny fontsika, satria mahatoky ny anarany masina isika.
[22]Aoka ny famindram-ponao mahatoky, ry Yaveh, homba anay araka ny fametrahanay ny fanantenanay Aminao.

34 Salamo nataon'i Davida; rehefa mody adala teo anoloan'i Abimeleka izy, izay nandroaka azy. [1]Hidera an'i Yaveh amin'ny fotoana rehetra aho, ho eo am-bavako mandrakizay ny fiderana Azy.
[2]Hidera an'i Yaveh aho! Aoka ny ory handre ka hifaly. [3]Miaraha midera an'i Yaveh amiko. Aoka hiaraka hanandratra ny anarany isika.
[4]Nitady an'i Yaveh aho dia namaly ahy Izy, ary nanome fandresena ahy tamin'ny tahotro rehetra Izy. [5]Ireo izay mijery Azy dia mamirapiratra, ary tsy misy henatra ny endrik'izy ireo. [6]Ity olona ory ity dia nitomany ary dia nandre azy i Yaveh ka nanavotra azy tamin'ny fahoriany rehetra.
[7]Mitoby eo amin'ireo izay matahotra Azy ary mamonjy azy ireo Ny anjelin'i Yaveh. [8]Andramo ary zahao fa tsara i Yaveh. Sambatra ny olona izay mialoka Aminy. [9]Matahora an'i Yaveh, ianareo olony masina. Tsy hanan-java-mahory ireo izay matahotra Azy.
[10]Indraindray dia tsy ampy sakafo ny liona tanora ka mijaly hanoana, fa ireo izay mitady an'i Yaveh kosa dia tsy ho ory zava-tsoa. Avia, anaka, mihainoa ahy. [11]Hampianatra anareo ny fahatahorana an'Yaveh aho.
[12]Olona iza no maniry fiainana ka tia andro maro, ka hahita ny soa izy? [13]Koa ambeno amin'ny ratsy ny lelanao ary ambeno ny amin'ny filazana lainga ny molotrao. [14]Halaviro ny ratsy ary manaova ny tsara. Mitadiava fiadanana ka araho izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Ny mason'i Yaveh dia eo amin'ny marina ary ny sofiny mihaino ny tomanin'izy ireo. [16]Ny tavan'i Yaveh dia manohitra ireo izay manao ratsy, mba hanesorana ny fahatsiarovana azy ireo eto an-tany. [17]Mitaraina ny marina ary mandre i Yaveh ka mamonjy azy ireo amin'ny fahoriany rehetra.
[18]Akaikin'ny fo torotoro i Yaveh, ary mamonjy ireo izay torotoro fanahy Izy. [19]Maro ireo olan'ny marina, nefa manafaka azy ireo amin'izany rehetra izany Yaveh. [20]Mihazona ny taolany rehetra Izy, tsy hisy ho tapaka na dia ny iray amin'ireo aza.
[21]Hamono ny ratsy fanahy ny loza. Ho voaheloka ireo izay mankahala ny marina. [22]Mamonjy ny ain'ireo mpanompony i Yaveh. Tsy hisy ho voaheloka ireo izay mialoka ao aminy.

35 [1]Salamo nataon'i Davida. Yaveh, miasà amin'ireo izay miasa hanohitra ahy; miadia amin'ireo izay miady amiko.
[2]Raiso ny ampinga kely sy ampinga lehibenao; mitsangàna ka ampio aho. [3]Ampiasao amin'ireo izay mihaza ahy ny lefona sy ny famaky fiadianao; lazao amin'ny fanahiko hoe: "Izaho no famonjenao."
[4]Aoka ho menatra sy ho afa-baraka ireo izay mitady ny aiko. Aoka hihemotra sy ho very hevitra ireo izay mitetika hanisy ratsy ahy. [5]Aoka ho tahakan'ny akofa eo anatin'ny rivotra izy ireo, raha mitondra azy ireo ny anjelin'i Yaveh. [6]Aoka ho maizina sy malama ny lalan'izy ireo, rehefa manenjika azy ireo ny anjelin'i Yaveh.
[7]Mametraka harato ho ahy tsy amin'ny antony izy ireo, miady lavaka ho an'ny aiko tsy amin'ny antony izy ireo. [8]Aoka hamely tampoka azy ireo ny fandringanana. Aoka ny harato izay napetrak'izy ireo mba hisambotra azy ireo ihany. Aoka izy ireo hianjera ao amin'izany, dia ao amin'ny faharavany.
[9]Nefa hifaly amin'i Yaveh aho, ary hiravo amin'ny famonjeny. [10]Ny taolako rehetra hilaza hoe: "Ry Yaveh, iza no tahaka Anao, izay mamonjy ny ory amin'ireo izay matanjaka loatra ho azy ireo sy ny malahelo ary ny mahantra amin'ireo izay mitady handroba azy ireo?"
[11]Mitsangàna ny vavolombelona tsy marina; miampanga lainga ahy izy ireo. [12]Mamaly ratsy ahy amin'ny soa ataoko izy ireo. Malahelo aho.
[13]Saingy, rehefa narary izy ireo, dia nanao ankanjo fisaonana aho; nifady hanina ho azy ireo tamin'ny fanondrehana ny lohako teo amin'ny tratrako aho. [14]Ny alaheloko azy ireo dia tahaka ny alaheloko ny rahalahiko, nitanondrika tahaka ny misaona reny aho.
[15]Nefa raha tafintohina aho, dia nifaly izy ireo ka nivory; niara-niangona hanohitra ahy izy ireo, ary taitra noho izy ireo. Tsy nitsahatra namely ahy izy ireo. [16]Tsy misy fifanajana intsony no nanesoany ahy; nihidy vazana tamiko izy ireo.
[17]Tompo o, mandra-pahoviana no hitazananao ahy? Vonjeo amin'ny fandrinaganan'izy ireo ny fanahiko, ary ny aiko amin'ny liona. [18]Ka hisaotra Anao eo amin'ny fiangonan-dehibe aho; hidera anao eo amin'ny olona maro aho.
[19]Aoka tsy hifaly amiko ireo fahavaloko mpamitaka; aoka izy ireo tsy hahatanteraka ireo teti-dratsiny. [20]Fa tsy miresaka fiadanana izy ireo, nefa mitetika hilaza fitaka hanohitra ireo izay miaina am-piadanana ao amin'ny taninay.
[21]Manoka-bava hivazavaza ahy izy ireo; hoy izy ireo hoe: "Aha, Aha, ny masonay no efa nahita izany." [22]Efa nahita izany Ianao, ry Yaveh, koa aza mangina; ry Tompo, aza manalavitra ahy. [23]Misandrata ary mifohaza hiaro ahy; Ry Andriamanitro sy Tompoko, tohano ny adiko.
[24]Arovy aho, ry Yaveh Andriamanitro, noho ny fahamarinanao; aoka tsy hifaly amiko izy ireo. [25]Aoka izy ireo tsy hanao ao anakam-po hoe: "Aha, azonay izay nirianay." Aoka izy ireo tsy hanao hoe: "Efa nolevoninay izy." [26]Aoka ho menatra sy ho very hevitra ireo izay te hanisy ratsy ahy. Aoka hitafy henatra sy fahafaham-baraka ireo izay maneso ahy.
[27]Aoka hihiaka am-pifaliana sy ho ravo ireo izay nirary ny fahamarinako; aoka izy ireo hiteny mandrakariva hoe: "Hoderaina anie Yaveh, Izy ilay mankasitraka ny fiadanan'ny mpanompony." [28]Dia hilaza ny fahamarinanao sy hidera Anao amin'ny andro rehetra aho.

36 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida mpanompon'i Yaveh. [1]Avy ao am-pony lalina no hilazan'ny olon-dratsy ny helony, tsy misy fahatahorana an'Andriamanitra eo amin'ny masony. [2]Fa mampionon-tena izy, mihevitra fa tsy ho voasarona sy ho hankahalaina ny fahotany.
[3]Ny teniny dia fahotana sy fitaka; tsy te ho hendry sy hanao soa izy. [4]Mitady fomba hanotana izy, raha mandry eo am-pandriana; manomboka manao zava-dratsy izy; tsy manary ny ratsy izy.
[5]Ny fanekenao mahatoky, ry Yaveh, dia mipàka amin'ny lanitra; ary ny tsy fivadihanao dia mipàka amin'ny rahona. [6]Ny fahamarinanao dia tahaka ny tendrombohitr'Andriamanitra; ny fitsaranao dia tahaka ny lalim-be. Ry Yaveh, Ianao no mamonjy ny olombelona sy ireo biby.
[7]Endrey ny hasarobidin'ny fanekenao mahatoky, ry Andriamanitra! Mialoka eo ambany haloky ny helatrao ny olombelona. [8]Ho afa-po amin'ny habetsaky ny hanina ao an-tranonao izy ireo; hamela azy ireo hisotro amin'ny reniranon'ny fitahianao sarobidy Ianao. [9]Fa ao Aminao no misy ny loharanon'aina; ao amin'ny fahazavanao no hahitanay fahazavana.
[10]Hitaro tanteraka amin'ireo izay mahafantatranao ny fanekenao mahatoky, ny fiarovanao amin'izay mahitsy fo. [11]Aza avela hanatona ahy ny tongotrin'ny mpiavonavona. Aza avela handroaka ahy ny tanan'ny ratsy fanahy. [12]Teny no efa nianjeran'ireo mpanao ratsy; nolavoan'ix=zy ireo ary tsy afaka niharina.

37 [1]Salamo nataon'i Davida. Aza tezitra noho ireo mpanao ratsy; aza maniry ireo izay manao ny tsy marina. [2]Fa ho
maina tsy ho ela tahaka ny bozaka izy ireo ary halazo tahaka ireo zava-maniry.
[3]Matokia an'i Yaveh ary manaova ny tsara; mitoera en amin'ny tany ary hampitomboy ny fahatokiana. [4]Avy eo
mankasitraha an'i Yaveh, dia homeny anao izay irian'ny fonao.
[5]Atolory an'i Yaveh ny lalanao; matokia Azy, dia hiasa ho anao Izy. [6]Hampiseho ny fahamarinanao tahaka ny mazava Izy
ary ny tsy fahamelohanao tahaka ny andro amin'ny mitatao vononana.
[7]Milamina manoloana an'i Yaveh ary miandrasa Azy am-paharetana. Aza tezitra raha misy olona mahomby amin'ny
zavatra ataony, na rehefa manao teti-dratsy izy.
[8]Aza tezitra sy kivy. Aza matahotra. Matahonga korontana fotsiny izany. [9]Ho tapahana ireo mpanao ratsy, fa ireo izay
miandry an'i Yaveh kosa dia handova ny tany. [10]Afaka fotoana fohy dia hanjavona ny olon-dratsy; hijery eo amin'ny
toerany ianao, fa izy kosa ho lasa.
[11]Fa ny malemy fanahy dia handova ny tany ary hisitraka amin'ny fanambinana lehibe. [12]Ny lehilahy ratsy fanahy dia
manao teti-dratsy manohitra ny marina ary manidy ny nifiny aminy. [13]Mihomehy azy ny Tompo, satria hitany fa tonga ny
androny.
[14]Namoaka ny sabany ny ratsy fanahy ary nanenjana ny tsipikan'izy ireo tamin'ny ory sy mahantra, mba hamono ireo
izay mahitsy. [15]Handefona ny fon'izy ireo manokana ny sabatr'izy ireo, ary ho simba ny tsipikan'izy ireo.
[16]Tsara kokoa ny kely ananan'ireo marina noho ny habetsaky ny an'ireo olon-dratsy. [17]Fa ho tapahana ny tanan'ny olona
ratsy fanahy, satria Yaveh manohana ny olo-marina.
[18]Yaveh dia mijery isan'andro isan'andro an'ireo tsy manan-tsiny, ary ny lovan'izy ireo dia ho mandrakizay. [19]Tsy ho
menatra izy ireo rehefa ratsy ireo andro. Rehefa tonga ny mosary, dia hanana ny ampy ho hanina izy ireo.
[20]Tsy ho faty ny olona ratsy fanahy. Ho tahaka ny voninahitr'ireo saha ireo fahavalon'i Yaveh; ho levona izy ireo ary ho
levon-ko setroka. [21]Ny olona ratsy fanahy dia mindrana fa tsy mamerina, fa ny olona-marina kosa malala-tanana sy
manome.
[22]Ireo izay notahian'Andriamanitra dia handova ilay tany; ireo izay hozonony dia ho tapahana. [23]Amin'ny alalan'i Yaveh
no hametrahana ny dian'ny olona, ny olona izay azo baikoina eo imason'Andriamanitra ny lalany. [24]Na dia tafintohina aza
izy, dia tsy mba hianjera, satria mihazona azy amin'ny tanany Yaveh.
[25]Efa tanora aho fa antitra ankehitriny; tsy mbola nahita olo-marina nilavo lefona aho na nangataka mofo ny zanany.
[26]Mamindra fo sy mampindrana mandrakariva izy, ary lasa fitahiana ny zanany. [27]Mialà amin'ny ratsy ary manaova izay
marina; dia hilamina mandrakizay ianao.
[28]Fa tia fitsaràna Yaveh ary tsy mandao ireo mpanara-diany mahatoky. Voaaro mandrakizay izy ireo, fa ireo taranaky ny
ratsy fanahy kosa ho tapahana. [29]Handova ny tany ary hiala ao mandrakizay ny marina. [30]Ny vavan'ny olo-marina dia
miteny fanhendrena ary mampitombo fitsaràna.
[31]Ny lalàn'ny Andriamaniny dia ao am-pony; tsy ho solafaka ny tongony. [32]Ny olona ratsy fanahy dia mijery ny olo-marina
ary mitady ny hamono azy. [33]Tsy hanary azy eo an-tanan'ny olon-dratsy Yaveh na hanameloka azy rehefa notsaraina izy.
[34]Miandrasa an'i Yaveh ary tandrovy ny lalany, ary hanangana anao Izy mba ho fananana ny tany. Ho hitanao rehefa
tapahana ny ratsy fanahy.
[35]Efa nahita olona ratsy fanahy sy nampihorohoro olona niely tahaka ny hazo maitso amin'ny taniny aho. [36]Fa rehefa
nandalo teo indray aho, dia tsy teo izy. Nitady azy aho, fa tsy hita izy.
[37]Araho maso ny olona tsy mivadika, ary farito ny olo-marina; hisy ho avy tsara ho an'ny olon'ny fiadanana. [38]Ho ringana
tanteraka ireo mpanota; tapaka ny ho avin'ny olona ratsy fanahy.
[39]Ny famonjena ny olo-marina dia avy amin'i Yaveh; miaro azy ireo Izy amin'ny fotoan'ny korontana. [40]Manampy azy ireo
Yaveh ka manavotra azy ireo. Manavotra azy ireo amin'ny olon-dratsy Izy ary mamonjy azy ireo satria efa nialoka tao
Aminy izy ireo.

38 [1]Salamo nataon'i Davida, mba hitondrana fahatsiarovana. Ry Yaveh, aza miteny mafy ahy amin'ny hatezeranao; aza
manazasy ahy amin'ny fahaviniranao. [2]Fa mandefona ahy ny tsipikanao, ary manindry ahy ny tananao.
[3]Marary nohon'ny hatezeranao avokoa ny vatako manontolo; tsy misy fahasalamana ao amin'ny taolako nohon'ny
fahotako. [4]Fa manenika ahy ny heloko; enta-mavesatra ho ahy ireo.
[5]Manaintaina ireo ratrako ary mamofona noho ireo adalako. [6]Mitanondrika aho ary afa-baraka isan'andro; misaona
andro lava aho.
[7]Fa ao anatiko, dia feno firehetana, tsy misy fahasalamana ao amin'ny nofoko. [8]Torovana aho ary torotoro tokoa; misento
nohon'ny fangirifirian'ny foko aho.
[9]Tompo o, fantatrao ny faniriana lalina indrindra ao am-poko, ary tsy miafina aminaony sentoko. [10]Midobodoboka ny
foko, miha-malazo ny heriko, pahina ny fahitan'ny masoko.
[11]Ireo sakaizako sy ireo mpiara-mitory amiko dia manalavitra ahy noho ny toe-javatra misy amiko; mijoro mihataka ahy
ireo namako. [12]Mamelatra fandrika ho ahy ireo izay mikendry ny aiko. Ireo izay mikendry ny handratra ahy dia miresaka
fahapotehana ka milaza teny fitaka ny tontolon'ny androny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Fa izaho, tahaka ny olona marenina aho ary tsy mahare na inona na inona; tahaka ny olona moana tsy milaza na inona na inona. [14]Tahaka ny lehilahy izay tsy mandre sy tsy manana valin-teny aho.
[15]Miandry Anao tokoa aho, ry Yaveh; hamaly Ianao, ry Tompo Andriamanitro. [16]Milaza izany aho mba tsy ho faly amiko ireo fahavaloko. Raha solafaka ny tongotro, dia hanao zava-doza amiko izy ireo.
[17]Fa mby tafintohina aho, ary manaintaina foana. [18]Miaiky ny heloko aho; manahy ny amin'ny fahotako aho.
[19]Kanefa maro be ireo fahavaloko; maro ireo izay mankahala ahy tsy ahoan-tsy ahoana. [20]Mamaly ratsy ahy izy ireo noho ny tsara; mitoraka fiampangana ahy izy ireo na dia nanaraka izay tsara aza aho.
[21]Aza mamela ahy, ry Yaveh; Andriamanitro, aza manalavitra ahy. [22]Tongava faingàna hamonjy ahy, ry Tompo, mpamonjiko.

39 Ho an'ny mpiventy hira, ho an'i Jedotona. Salamo nataon'i Davida. [1]Nanapa-kevitra aho hoe: "Hitandrina izay lazaiko aho mba hanotako amin'ny lelako. Hofeheziko ny vavako rehefa eo amin'ny fanatrehan'ny olon-dratsy aho."
[2]Nihazona fahanginana aho; tsy niteny aho na dia tamin'ny fitenenana ny tsara aza, ary nitombo ny fanaintainako. [3]Niha-nafana ny foko; rehefa nihevitra ny momban'ireo zavatra ireo aho, niredareda toy ny afo izany. Dia niteny ihany aho nony farany.
[4]Yaveh o, Ampahafantaro ahy izay fetran'ny aiko sy ny faran'ny androko. Asehoy ahy ny hafohezan'ny fiainako. [5]Indro, nataonao toy ny sakan'ny tanako fotsiny ihany ny androko, ary ny androm-piainako dia toy ny tsy inon-tsy inona eo anatrehanao. Indray mandeha monja ihany ny fofon'ain'ny olona rehetra. Sela
[6]Mandehandeha toy ny aloka tokoa ny olona rehetra, Maika hanangona harena tokoa ny olon-drehetra na dia tsy fantatr'izy ireo akory aza izay handray ireo. [7]Ankehitriny, Tompo o, inona no andrasako? Ianao irery no hany fanantenako.
[8]Avoty amin'ny fahotako aho; aza manao ahy ho fanakoran'ny adala. [9]Mangina aho ary tsy afa-manokatra ny vavako, satria Ianao no efa nanao izany.
[10]Aoka izay ny fandratrana ahy; manafotra ahy ny fitsokan'ny tananao. [11]Rehefa mananatra olona noho ny fahotana Ianao, dia mandevona ireo zavatra izay iriany tahaka ny kalalao; azo antoka tokoa fa tsy inon-tsy inona ny olona fa zava-poana. Sela
[12]Henoy ny fivavako, ry Yaveh, ary mihainoa ahy; mihainoa ny tomaniko! Aza manampin-tsofina amiko, fa tahaka ny vahiny aho aminao, mpitsoa-ponenana toy ireo razambeko rehetra. [13]Esory amiko ny sazinao mba hahafahako mitsiky indray mialohan'ny hahafatesako.

40 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. [1]Niandry tamim-paharetana an'i Yaveh aho; nihaino ahy Izy ary nandre ny tarainako. [2]Nitondra ahy hiakatra avy tao an-davaka mahatsiravina Izy, avy tao amin'ny fotaka mandrevo, ka nampijoro ny tongotro teo ambony vatolampy Izy ary niaro ny diako.
[3]Nasiany hira vaovao teo imolotro, fiderana ho an'Andriamanitsika. Maro no hahita izany ka hanome voninahitra Azy sy hitoky amin'i Yaveh. [4]Sambatra ny olona izay manao an'i Yaveh ho tokiny sy tsy manome voninahitra ny mpirehareha na ireo izay mpivadika aminy ho amin'ny lainga.
[5]Maro, ry Yaveh Andriamanitro, ireo asa mahagaga izay efa vitanao, ary tsy tambo isaina ny hevitrao momba anay; raha manambara sy milaza ireny aho, dia ho mihoatran'izay azo isaina ireny. [6]Tsy mankasitraka sorona na fanatitra Ianao, fa nanokatra ny sofiko; tsy mba nangataka fanatitra dorana na fanatitra noho ny ota Ianao.
[7]Dia hoy aho hoe: "Indro, tonga aho; voasoratra ao amin'ny horonam-boky ny momba ahy. [8]Sitrako ny hanao ny sitra-ponao, Andriamanitro o; ato am-poko ny lalànao." [9]Efa nanambara vaovao mahafalin'ny fahamarinanao tamin'ny fiangonan-dehibe aho; Yaveh o, fantatrao fa tsy nangina tamin'ny fanaovana izany ny molotro.
[10]Tsy nokoboniko tao am-poko ny fahamarinanao; efa namabarako ny fahatokianao sy ny famonjenao; tsy nokoboniko tamin'ny fiangonan-dehibe ny fanekem-pahatokianao sy ny fahamendreham-pitokianao. [11]Aza manakana ny asam-pamindram-ponao tsy ho amiko, ry Yaveh; aoka ny fanekenao mahatoky sy ny fahamendreham-pitokianao hiaro ahy mandrakariva.
[12]Manodidina ahy ny korontana izay tsy tambo isaina; nahatratra ahy ireo heloko ka tsy afaka mahita na inona na inona intsony aho; betsaka noho ireo volo eo an-dohako ireo, ary reraka ny foko. [13]Mifalia, ry Yaveh, amin'ny fanavotana ahy; faingàna hanampy ahy, ry Yaveh.
[14]Aoka ho menatra sy ho diso fanantenana tanteraka izy ireo izay mikendry ny aiko mba haka izany. [15]Aoka ho tohina noho ny fahafaham-barakany, ireo manao amiko hoe: "Ahah, ahah!"
[16]Fa aoka hiravoravo sy hifaly aminao ireo rehetra mitady Anao; aoka ny rehetra tia ny famonjenao hiteny mandrakariva hoe: "Hoderaina anie Yaveh." [17]Mahantra sy ory aho; nefa mihevitra ny momba ahy ny Tompo. Ianao no famonjena ho ahy ary tonga amin'ny fanavotana ahy Ianao; aza mitaredretra, Andriamanitro o.

41 [1]Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. Sambatra izay mahatsiaro ny osa; amin'ny androm-pahoriana, no hanavotan'i Yaveh azy. [2]Hiaro sy hitandrina azy tsy ho faty Yaveh, ary dia ho sambatra eto an-tany izy; tsy hamadika

azy amin'ny sitrapon'ireo fahavalony Yaveh. [3]Hanohana azy eo amin'ny fandrian'ny fijaliana Yaveh; hanao ny fandrian'ny aretina ho fandrian'ny fanasitranana Ianao.
[4]Hoy aho ghoe: "Yaveh o, mamindrà gfo amiko! Sitrano aho, fa efa nanota taminao aho." [5]Miteny ratsy ahy ireo fahavaloko, manao hoe: 'Rahoviana izy no ho faty ary ny anarany ho levona?' [6]Raha tonga mba hizaha ahy ny fahavaloko, dia miteny zavatra zava-poana izy; manangona ireo lozako ho an'izany ihany ny fony; rehefa mandao ahy izy, dia milaza ny momban'izany amin'ny hafa.
[7]Ireo rehetra mankahala ahy mira-mitakoritsika mamely ahy; manantena ny handratra ahy izy ireo. [8]Hoy izy ireo hoe: "Misy aretina mafy mifikitra aminy; izao izy mandry, ka tsy hitsangana intsony." [9]Eny fa na dia ny namako akaiky aza, izay natokisako, izay nihinana ny mofoko, dia efa nanangana ny ombalahin-tongony hanohitra ahy.
[10]Fa ianao, ry Yaveh, manàna famindram-po amiko ary atsangano aho hahafahako mamaly azy ireo. [11]Amin'izany no hahalalako fa faly amiko ianao, satria tsy maharesy ahy ny fahavaloko. [12]Raha ny amiko, dia manohana ahy amin'ny tsy fivadihanao Ianao ary hihazona ahy eo anatrehan'ny tavanao mandrakizay.
[13]Ho deraina rahatrizay ka ho mandrakizay anie Yaveh, Andriamanitr'Israely. Amena dia Amena. Boky faharoa

42 Ho an'ny mpiventy hira. Maskilan'ireo zanaka lahin'i Kora. [1]Tahaka ny diera maniry rano mikoriana mafy, no hetahetako ho Anao, ry Andriamanitra. [2]Mangetaheta an'Andriamanitra aho, ho an'ilay Andriamanitra velona. Rahoviana aho no ho tonga sy hiseho eo anatrehan'Andriamanitra?
[3]Ny ranomasoko no hany sakafoko andro aman'alina, raha miteny amiko mandrakariva ireo fahavaloko hoe: "Aiza ny Andriamanitrao?" [4]Ireto zavatra ireto no tonga ao an-tsaiko raha mandraraka ny fanahiko aho: endrey ny nandehanako niaraka tamin'ny vahoaka sy nitarihako azy ireo tao an-tranon'Andriamanitra tamin'ny hiakam-pifaliana sy fiderana, fankalazana maro be ny firavoravoana.
[5]Nahoana no mitanondrika ianao, ry fanahiko? Nahoana ianao no tohina ao anatiko? Manantenà an'Andriamanitra, fa hiderako Azy izay famonjeko indray aho.[6]Ry Andriamanitro, ny fanahiko dia mitanondrika ao anatiko, noho izany mahatsiaro Anao aho avy amin'ny tanin'ny Jordana, amin'ny tendro telon'ny Tendrombohitr'i Hermona, ary avy amin'ny havoan'i Mizara.
[7]Ny lalina miantso ny lalina ao amin'ny tabataban'ireo riandranonao; ireo onjanao sy ireo alon-dranonao rehetra dia efa nanafotra ahy.[8]Nefa Yaveh handidy ny fanekeny mahatoky amin'ny atoandro; ny amin'ny alina dia hiaraka amiko ny hirany, vavaka iray ho an'Andriamanitry ny aiko.
[9]Izaho hiteny amin'Andriamanitra, vatolampiko hoe: "Nahoana no dia nanadino ahy Ianao? Nahoana no dia mandeha misaona noho ny fampahorian'ny fahavalo aho?" [10]Toy ny fisian'ny sabatra eo amin'ny taolako, no itenenan'ireo mpifanandrina amiko ahy mafy, raha milaza amiko mandrakariva izy ireo hoe: "Aiza ny Andriamanitrareo?"
[11]Nahoana no mitanondrika ianao, ry fanahiko? Nahoana no tohina ato anatiko ianao? Manantenà an'Andriamanitra, fa mbola hidera Azy izay famonjena ho ahy sy Andriamanitro indray aho.

43 [1]Omeo rariny aho, ry Andriamanitra, ary iadio ny adiko hanohitra ireo firenena tsy arak'Andriamanitra. [2]Fa Ianao no Andriamanitry ny heriko. Nahoana no nanary ahy Ianao? Nahoana aho no handeha hisaona noho ny fampahorian'ny fahavalo ahy?
[3]Alefaso ny hazavanao sy ny marinao, aoka ireny hitarika ahy. Aoka ireny hitondra ahy hankany amin'ny havoanao masina sy any amin'ny fonenanao. [4]Dia handeha eo amin'ny alitaran'Andriamanitra aho, any amin'Andriamanitra izay fifaliako indrindra. Hidera Anao amin'ny harpa aho, Andriamanitra o, Andriamanitro.
[5]Nahoana no amitanondrika ianao, ry fanahiko? Nahoana no tohina ato anatiko ianao? Manantenà an'Andriamanitra, fa mbola hidera Azy izay famonjena ho ahy sy Andriamanitro indray aho.

44 [1]Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'ireo zanaka lahin'i Kora. Maskila. Renay tamin'ny sofinay, Andriamanitra o, nolazain'ireo razanay taminay ny asa nataonao tamin'ny andron'izy ireo, tamin'ny andro taloha. [2]Noroahanao tamin'ny tananao ireo firenena, fa nampitoerinao ny vahoakanay; Nampahory ireo olona Ianao, fa naelinao tany amin'ny tany ny vahoakanay.
[3]Fa tsy azon'izy ireo mba ho fananany tamin'ny alalan'ny saban'izy ireo ihany ny tany, na ny sandrin'izy ireo manokana ary tsy nahavonjy azy ireo; nefa ny tanan-kavananao, ny sandrinao, ary ny fahazavan'ny tavanao, satria tsara tamin'izy ireo Ianao. [4]Ry Andriamanitra, Ianao no mpanjakako; didio ny fandresena ho an'i Jakoba.
[5]Amin'ny alalanao no hanindrianay ireo mpifanandrina aminay; amin'ny alalan'ny anaranao izahay no hanosihosy azy ireo, ireo izay mimitsangana hanohitra anay. [6]Fa tsy hitoky amin'ny tsipikako aho, na ny sabatro hanavotra ahy.
[7]Fa efa nanavotra anay tamin'ireo mpiafanandrina aminay Ianao, ary nampahamenatra ireo nankahala anay. [8]Ao amin'Andriamanitra no nanaovanay ny fireharehanay amin'ny andro lava rehetra, ary hanolotra fisaorana ho an'ny Anaranao mandrakizay izahay. Sela

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Fa ankehitriny efa nanary anay Ianao ka nitondra anay tamin'ny fahafam-baraka, ary tsy nivoaka niaraka tamin'ny tafikay Ianao. [10]Nampihemotra anay tamin'ireo mpifanandrina Ianao; ary ireo izay mankahala anay nandray ny harena ho azy ireo. [11]Nataonao tahaka ny ondry voalahatra ho fisakafo izahay ary naelinao teo amin'ireo firenena.
[12]Mamarotra ny vahoakanao amin'ny tsy antony Ianao; tsy nampitombo ny harenao Ianao tamin'ny fanaovana izany.
[13]Manao anay ho fiteny mafy ho an'ireo namanay Ianao, naneso sy nananihany anay tamin'ireo manodidina anay.
[14]Manao anay ho faniratsirana eo amin'ireo firenena Ianao, ho loham-pangovitana eo amin'ireo olona.
[15]Manoloana ahy andro lava rehetra ny fahafam-baraka, ary henatry ny tavako no mandrakotra ahy [16]noho ny feony izay miteny mafy sy maniratsira ahy, noho ny fahavalo sy ny mpamaly faty. [17]Tonga aminay avokoa izany rehetra izany; nefa Ianao tsy adinonay na tsy nankatò ny fanekem-pihavananao.
[18]Tsy niverin-dalana ny fonay; tsy niala tamin'ny lalanao ny dianay. [19]Nefa nanapaka mafy anay teo amin'ny toeran'ny amboadia Ianao ary nandrakotra anay tamin'ny aloky ny fahafatesana. [20]Raha nanadino ny Anaran'Andriamanitra izahay na namelatra ny tananay tamin'andriamani-kafa, [21]moa tsy hitady izany ve Andriamanitra? Fa mahalala ny tsiambaratelon'ny fo Izy. [22]Eny tokoa, noho ny Aminao no hamonoana anay amin'ny andro lava rehetra; heverina ho toy ny ondry ho amin'ny famonoana izahay
[23]Mifohaza, nahoana no mandrimandry ianao, Tompo o? Mitsangàna, aza manary maharitra anay. [24]Nahoana no dia manafina ny tavanao Ianao ary manadino ny fahorianay sy ny fampahoriana anay?
[25]Fa miempo anaty vovoka izahay; ireto vatanay mifikitra amin'ny tany. [26]Mitsangàna ho famonjena ary manavota anay noho ny amin'ny fanrekenao mahatoky.

45 Ho an'ny mpiventy hira; atao Shoshannim. Salamo nataon'ireo zanaka lahin'i Kora. Maskila. hiram-pitiavana.
[1]Mamoaka foto-kevitra tsara ny foko; hovakiako mafy ireo teny izay narafitro momba ny mpanjaka, ny lelako no penin'ny mpanoratra mahay. [2]Ianao mbola tsara mihoatra ny zanak'olombelona; fahasoavana no voararaka eo imolotrao; noho izany dia fantatray fa Andriamanitra no efa nitahy anao mandrakizay.
[3]Apetraho eo anilanao ny sabatrao, ry ilay mahery, amin'ny voninahitrao sy ny fahalehibiazanao. [4]Amin'ny fahalehibiazanao dia mandehana amim-pandresena noho ny fahamendreham-pitokisanao, fahalemem-panahy, sy ny fahamarinana; hanoro anao zavatra mampahatahotra ny tananao ankavanana.
[5]Maranitra ireo zana-tsipìkanao; lavo ao ambaninao ny vahoaka; ao amin'ny fon'ireo fahavalon'ny mpanjaka ireo zana-tsipìkanao. [6]Ny seza fiandriananao, Andriamanitra o, dia mandrakizay doria; tehin'ny rariny ny tehin'ny fanjakanao. [7]Tia fahamarinana Ianao ary mankahala ny faharatsiana; noho izany Andriamanitra, Andriamanitrao, dia efa nanositra anao tamin'ny diloilon'ny fifaliana mihoatra noho ireo namanao.
[8]Ny akanjonao rehetra mamofona miora, vahonba, ary kasia; efa nampifaly anao ireo valihaany ivelan'ny lapa ivoara.
[9]Ireo zanaka vavin'ny mpanjaka dia isan'ireo vehivavy manan-kaja; eo an-tanana ankavananao no mijoro ny mpanjakavavy mitafy volamenan'i Ofira.
[10]Mihainoa, ry zanaka vavy, mandiniha ary atongilano ny sofinao; adinoy ny vahoakanao sy ny tranon-drainao. [11]Amin'ny alalan'izany dia haniry ny hatsaranao ny mpanjaka, izy no tomponao, hajao izy.
[12]Ny zanaka vavin'i Tiro dia ho any miaraka amin'ny fanomezana; ny manan-karena eo amin'ny olona dia hitalaho ny fankasitrahanao. [13]Ireo zanaka vavin'ny mpanjaka ao an-dapa dia be voninahitra avokoa; ny fitafiny dia natao tamin'ny volamena.
[14]Ho entina eo amin'ny mpanjaka izy amin'ny tohitena misy peta-kofehy; ireo virijiny, namay izay manaraka azy, dia ho entina o aminao. [15]ho tarihina amim-pifaliana sy faharavoana izy ireo; hiditra ao an-dapan'ny mpanjaka izy ireo.
[16]Ao an-dapan'ireo razanao no hisy ireo zanakao, izay hataonao andriana eran'ny tany rehetra. [17]Hampahatsiaro ny anaranao amin'ny taranakao rehetra aho; noho izany ny vahoaka hanolotra fisaorana anao mandrakiza doria.

46 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'ireo zanaka lahin'i Kora; atao Alamota. Tonon-kira.
[1]Andriamanitra no fialofanay sy herinay, famonjena mahatoky amin'ny fahoriana. [2]Noho izany dia tsy hatahotra izahay, na dia tokony hiova aza ny tany, na dia tokony hihovitrovitra aza ireo tendrombohitra, [3]na dia mirohondrohona sy misamboaravoara aza ny ranony, ary na dia mangovitra miaraka amin'ny fisafoakany aza ireo tendrombohitra. Sela
[4]Misy ony ao, ny fikorian'izany dia mampifaly ny tanànan'Andriamanitra, dia ny fitoerana masin'ireo tabernakelin'ilay Avo Indrindra. [5]Andriamanitra no eo anivony; tsy ho tafahetsika izany; Andriamanitra no hanavotra azy, ary hanao izany amin'ny vao mangiran-dratsy Izy.
[6]Tezitra ireo firenena ary voahozongozona ireo fanjakana; nanandratra ny feony Izy, ka niempo ny tany. [7]Momba antsika Yaveh tompon'ny maro; ny Andriamanitr'i Jakoba no fialofanay. Sela
[8]Avia, indro ireo asan'i Yaveh, ny fandravana izay efa nataony teny amin'ny tany. [9]Ampitsahariny hatrany amin'ireo vazan-tany ny ady; mamotipotika ny tsipìka Izy ary manapatapaka ny lefona; mandoro ny ampinga Izy.
[10]Mangina ary fantaro fa Izaho no Andriamanitra; Ho asandratra eo amin'ireo firenena Aho; ho asandratra eny amin'ny tany Aho. [11]Momba antsika Yaveh Tompon'ny maro; ny Andriamanitr'i Jakoba no fialofantsika. Sela

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

47 [1]Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'ireo zanaka lahin'i Kora. Mitehàfa tanana ry vahoaka rehetra; mihobia an'Andriamanitra amin'ny feon'ny fandresena. [2]Fa Yaveh no Avo Indrindra ka hatahorana; Izy no Mpanjaka lehibemanerana ny tany rehetra.
[3]Mandresy ireo olona eo ambanitsika Izy ary ireo firenena ho eo ambany tongotsika. [4]Mifidy ny lovantsika ho antsika Izy, ny voninahitr'i Jakoba izay tiany. Sela [5]Andriamanitra no efa niakatra tamim-pihobiana Andriamanitra, Yaveh tamin'ny feon'ny trompetra.
[6]Mihirà fiderana ho an'Andriamanitra, mihirà fiderana; mihirà ho an'ilay Mpanjakantsika, mihirà fiderana. [7]Fa Andriamanitra no Mpanjaka manerana ny tany rehetra; mihirà fiderana amin'ny fahazavan-tsaina.
[8]Manjaka manerana ireo firenena Andriamanitra; mipetraka ambonin'ny seza fiandrianany masina Andriamanitra. [9]Ireo andrianan'ireo olona miangona ho an'ny vahoakan'Andriamanitr'i Abrahama; fa ireo ampingan'ny tany dia an'Andriamanitra; Izy no hasandratra indrindra.

48 Tonon-kira. Salamo nataon'ireo zanaka lahin'ny Kora.[1]Lehibe Yaveh ary tokony hoderaina indrindra, ao an-tanànan'Andriamanitsika eo an-tendrombohiny masina. [2]Avo mahafinaritra, ny fifalian'ny tany rehetra, dia ny tendrombohitr'i Ziona, eo amin'ny ilany avaratra, ny tanànan'ny Mpanjaka lehibe. [3]Andriamanitra dia efa nampahafantatra ny tenany tao amin'ireo lapany ho fialofana.
[4]Fa, indro, ireo mpanjaka niangona; niara-nandalo izy ireo. [5]Nahita izany izy ireo, ka dia talanjona; raiki-tahotra, sy nandositra faingana. [6]Nahazo azy ireo tany ny fangovitana, dia tahaka ny hirifirin'ny vehivavy eo am-piterahana.
[7]Amin'ny alalan'ny rivotra tatsinanana no hamakianao ireo sambon'i Tarsisy. [8]Araka izay efa renay, no hitanay tao an-tanànan'i Yaveh tompon'ny maro, tao an-tanànan'Andriamanitray; hampitoetra izany mandrakizay anie Andriamanitra. Sela
[9]Efa nihevitra ny momban'ny fanekena mahatokinao izahay, Andriamanitra o, teo afovoan'ny tempolinao. [10]Araka ny Anaranao, Andriamanitra o, dia izany koa no fiderana Anao hatrany amin'ireo vazan-tany; feno fahamarinana ny tananao ankavanana.
[11]Aoka hifaly ny tendrombohitr'i Ziona, aoka hifaly ireo zanaka vavin'i Joda noho ny didinao marina.
[12]Mandehana mihodidina ny tendrombohitra Ziona, mihodidìna aminy; isao ny tilikambony, [13]hamarino tsara ny mandany, ary zahao ireo lapany mba hahafahanao mitantara izany amin'ny taranakao ho avy.
[14]Fa io Andriamanitra io no Andriamanitsika mandrakizay doria; Izy no ho tari-dalana ho antsika hatrany amin'ny fahafatesana.

49 [1]Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'ireo zanaka lahin'i Kora. Mihainoa izao, ianareo olon-drehetra; manongilàna sofina, ianareo mponin'ny tany rehetra, [2]na ambany na ambony, na manan-karena na mahantra miaraka.
[3]Ny vavako hilaza fahendrena ary ny fisaintsainan'ny foko hilaza fahazavan-tsaina. [4]Hanongilan-tsofina amin'ny fanoharana aho; hanomboka ny fanoharako amin'ny harpa aho. [5]Nahoana aho no tokony hatahotra ireo andro ratsy, raha manodidina ahy eo amin'ny ombelahin-tongotro ny heloka?
[6]Nahoana aho no tokony hatahotra ireo izay mitoky amin'ny hareny sy mirehareha amin'ny haben'ny fananany? [7]Azo antoka tokoa fa tsy hisy afaka hahavonjy ny rahalahiny na hanome tamby ho an'Andriamanitra ho azy, [8]fa ny avotr'aina dia lafo, ary tsy misy afaka hanefa izay tokony honerantsika.
[9]Tsy misy afa-miaina mandrakizay izany ka tsy ho simba ny nofony. [10]Fa hahita fahasimbana izy. Ireo olon-kendry ho faty; ny adala sy ny masiaka samy ho levona sy hamela ny hareny ho an'ny hafa.
[11]Mihevitra izy ireo fa ny fianakaviany, sy ireo toeram-ponenany dia hitohy mandrakizay, ho an'ireo taranany; antsoiny araka ny anarany ihany ny tanin'izy ireo.
[12]Fa ny olona, manana harena, dia tsy hitoetra ho velona; tahaka ireo biby izay ho levona. [13]Ity, lalan'izy ireo ity, no adalan'izy ireo; kanefa aorian'izy ireo, dia ankasitrahan'ny olona ny fomba fiteniny. Sela
[14]Tahaka ny ondry no nanendrena azy ireo ho amin'ny Fiainan-tsy hita, ary fahafatesana no ho mpiandry azy ireo. Ny olo-marina hanapaka eo amin'izy ireo nony maraina, ary ho levona any amin'ny Fiainan-tsy hita ny nofony, ka tsy hisy toerana honenan'izy ireo. [15]Fa Andriamanitra kosa hamonjy ny aiko amin'ny herin'ny Fiainan-tsy hita; handray ahy Izy. Sela
[16]Aza matahotra raha misy olona tonga mpanan-karena, ary mitombo ny voninahitry ny ankohonany. [17]Fa rehefa maty izy dia tsy hitondra na inona na inona; tsy hidina hanaraka azy ny voninahiny.
[18]Raha mbola niaina izy dia nitahy ny fanahiny— ary midera anao ny olona rehefa miaina ho an'ny tenanao ianao—
[19]handeha any amin'ny taranak'ireo razany izy ary tsy hahita ny hazavana mihitsy. [20]Izay manana harena nefa tsy manana fahazavan-tsaina dia tahaka ny biby, izay ho levona.

50 Salamo nataon'i Asafa. [1]Ilay Tsitoha, Andriamanitra, Yaveh, dia efa niteny sy niantso ny tany manomboka amin'ny fiposahan'ny masoandro ka hatramin'ny filentehany. [2]Avy ao Ziona, ilay lafatra amin'ny hatsaran-tarehy, no nasehon'Andriamanitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Ho avy ny Andriamanitsika ka tsy mba mangina; hisy afo mandevona eo anoloany, ary tafio-drivotra be no eo amin'ny manodidina Azy. [4]Miantso ny lanitra ambony sy ny tany Izy mba hahafahany mitsara ny vahoakany: [5]"Angony miaraka ho ety amiko ireo mahatoky Ahy, dia ireo izay efa nanao fanekena tamiko tamin'ny sorona."
[6]Ny lanitra hanambara ny fahamarinany, fa Andriamanitra tenany mihitsy no mpitsara. Sela
[7]Mihainoa, ry oloko, dia hiteny Aho, Izaho no Andriamanitra, ilay Andriamanitrareo. [8]Tsy hananatra anao noho ireo soronao aho; manoloana ahy hatrany ireo fanatitrao ho dorana.
[9]Tsy haka ombilahy avy ao an-tranonao aho, na osilahy avy ao am-balanao. [10]Fa Ahy ny biby rehetra any an'ala, sy ny biby fiompy rehetra eny amin'ny havoana an'arivony. [11]Fantatro avokoa ny voro-manidin'ny tendrombohitra rehetra, ary Ahy ireo bibidia any an-tsaha.
[12]Raha noana Aho, tsy mba hiteny aminao izany; fa Ahy ny tany, sy izay rehetra ao aminy. [13]Moa hihinana ny nofon'ny ombilahy ve Aho na hisotro ny ràn'ny osy?
[14]Atolory an'Andriamanitra ny sorom-pisaorana, ary efao amin'ny Avo Indrindra ireo voadinao. [15]Antsoy Aho amin'ny androm-pahoriana; dia hamonjy anao Aho, ary hanome voninahitra Ahy ianao.
[16]Fa hoy kosa Andriamanitra amin'ny ratsy fanahy hoe: "Inona ho ataonao amin'ny fanambarana ireo lalàko, fa efa noraisinao ho eo am-bavanao ny [17]fanekeko, satria mankahala ny fananarana ianao ary manary ireo teniko?
[18]Rehefa mahita mpangalatra ianao, dia miray lopha aminy ianao; mandray anjara amin'nyireo izay mijangajanga ianao.
[19]Atolotrao ho an'ny ratsy ny vavanao, ary ny lelanao maneho fitaka. [20]Mipetraka ianao ary miteny manohitra ny rahalahinao; endrinkendrehinao ny zanaka lahin-dreninao.
[21]Efa nanao ireo zavatra rehetra ireo ianao, nefa nihazona ny fahanginana aho, sao dia nihevitra mantsy ianao fa olona mitovy amin'ny tenanao ihany Aho. Nefa hananatra anao aho ary hampiakatra, ho eo amin'ny tandrifin'ny masonao, ny zava-drehetra vitanao. [22]Asio fiheverana tsara izany, ianao izay nanadino an'Andriamanitra, raha tsy izany dia hopotipotehiko ianao, ary tsy hisy ho avy hanampy anao!
[23]Izay manolotra sorom-pihavanana no mankalaza Ahy, ary ho an'izay mikasa ny lalany ho amin'ny lala-marina no hanehoako ny famonjen'Andriamanitra."

51 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davifda; rehefa nanatona an'i Natana mpaminany taorian'ny nandriany niaraka tamin'i Barseba. [1]Mamindra fo amiko, Andriamanitra o, noho ny fanekenao mahatoky; noho ny amin'ny hamaroan'ny asam-pamindram-ponao, vonoy ny fahadalàna nataoko. [2]Sasao an-tsakany sy an-davany aho mba ho afa-keloka ary diovy amin'ny fahotako.
[3]Fa fantatro ny heloko, ary eo anoloako mandrakariva ny fahotako. [4]Taminao, ary taminao irery, no efa nanotako sy nahavitako zava-dratsy teo imasonao; fa mahitsy Ianao raha miteny; ary marina raha mitsara
[5]Indro, teraka tamin'ny heloka aho; raha mbola notorotoronin-dreniko, dia efa tamin'ny fahotana aho. [6]Indro, maniry fahamendreham-pitokisana ato am-poko Ianao; ato am-poko no hampahafantaranao ahy fahendrena.
[7]Diovy amin'ny hysopa aho, dia ho madio; sasao aho, dia ho fotsy mihoatra ny oram-panala. [8]Ampandreneso haravoana sy fifaliana aho mba hahafahan'ny taolako notapahinao hifaly. [9]Afeno amin'ny tavanao ireo otako ka afaho ny heloko rehetra.
[10]Amorony fo madio aho, Andriamanitra o, ary havaozy ho fanahy marina ny ato anatiko. [11]Aza alavirina amin'ny fanatrehanao aho, ary aza esorina amiko ny Fanahinao masina.
[12]Avereno amiko ny fifaliana amin'ny famonjenao, ary tohano amin'ny fanahy vonona aho. [13]Dia hampianatra ireo mpandika lalàna ny lalanao aho, ka dia hiova fo ireo mpanota.
[14]Mamelà ahy noho ny fandatsahan-drà, ry Andriamanitry ny famonjena ahy, dia hihiaka ny fifalian'ny fahamarinanao aho. [15]Tompo o, sokafy ny molotro, dia haneho dera ho Anao aho. [16]Fa tsy mankasitraka sorona Ianao, na izaho manolotra izany; tsy manana fahafinaretana amin'ny fanatitra dorana Ianao.
[17]Ireo fanatitr'Andriamanitra dia fanahy torotoro. Ianao, Andriamanitra o, dia tsy hanao tsinontsinona ny fo torotoro sy manenina. [18]Manaova soa amin'ny fankasitrahanao an'i Ziona; Areno indray ny mandan'i Jerosalema. [19]Dia hankasitraka ireo sorom-pahamarinana, amin'ny fanatitra dorana ary ireo fanatitra dorana rehetra Ianao; ka dia hanolotra ombilahy eo amin'ny alitara ny vahoakanay.

52 Ho an'ny mpiventy hira. Maskilan'i Davida; rehefa tonga hiteny an'i Saoly i Doega Edomita, ary niteny taminy hoe: "Tonga ao an-tranon'i Ameleka i Davida." [1]Nahoana ianao no mirehareha amin'ny fanaovan-dratsy, ianao ry lehilahy mahery? Tonga isan'andro ny famindram-pon'Andriamanitra. [2]Mikasa famotehana ny lelanao tahaka ny hareza maranitra, miasa amim-pitaka.
[3]Tia ratsy mihoatra ny tsara ianao ary mandainga toy izay milaza ny fahamarinana. Sela
[4]Mankafy ny teny rehetra izay mandevona ny hafa ianao, ianao ry lela mpamitaka. [5]Hamotika anao toy izany mandrakizay koa Andriamanitra; haka anao Izy ka hamongotra anao ao amin'ny lainao tsy ho eo amin'ny tanin'ny velona. Sela
[6]Hahita izany ihany koa ny matrina dia hatahotra; hihomehy azy izy ireo ka hiteny hoe: [7]"Indro, ity ilay lehilahy tsy nanao an'Andriamanitra ho fialofany, fa nitoky tamin'ny fahamaroan'ny hareny, ary nahery izy foiny izy namotika ny hafa."

[8]Fa raha izaho aloha, dia tahaka ny hazon'oliva maitso ao an-tranon'Andriamanitra aho; hatoky ny fanekena mahatokin'Andriamanitra mandrakizay doria aho. [9]Hanome sitraka Anao mandrakariva aho amin'izay vitanao. Hiandry ny Anaranao eo amin'ny fanatrehan'ny vahoakanao masina aho, satria tsara izany.

53 [1]Ho an'ny mpiventy hira; atao Mahalata. Maskilan'i Davida. Ny adala manao anakampo hoe: "Tsy misy Andriamanitra." Mpanao ratsy avokoa izy ireo ary nahavita heloka fahavetavetana; tsy misy manao ny tsara.
[2]Miondrika mijery ireo zanak'olombelona avy any an-danitra Andriamanitra mba hizaha raha misy mahatakatra, izay mitady Azy. Fa nivily avokoa izy rehetra. [3]Niara-nihova ho mpanao ratsy izy ireo. Tsy misy izay manao ny tsara, na dia iray monja aza.
[4]Moa ireo izay manao ratsy tsy manana fahazavan-tsaina dia ireo— izay mandevona ny oloko tahaka azy ireo mihinana mofo ary tsy miantso an'Andriamanitra izy ireo? [5]Tao anaty tahotra lehibe izy ireo, na dia tsy nisy antony tokony hampatahotra; fa Andriamanitra hanapatapaka ireo taolan'izay hitoby hanohitra anao; ny olona toy izany dia ho halaim-baraka satria efa nolavin'Andriamanitra izy ireny.
[6]Enga anie ka ho tonga any Ziona ny famonjena ny Israely! Rehefa entin'Andriamanitra miverina avy tamin'ny fahababoana ny olony, dia ho ravoravo i Jakoba ary ho faly i Israely!

54 Ho an'ny mpiventy hira; hampiarahina amin'ny lokanga. Maskilan'i Davida; rehefa tonga ireo Zifita ary niteny tamin'i Saoly hoe: "Moa tsy nanafina ny tenany niaraka tamintsika ve i Davida?" [1]Vonjeo amin'ny Anaranao aho, ry Andriamanitra, ary tsarao amin'ny herinao. [2]Henoy ny fivavako, ry Andriamanitra; anongilano sofina ireo tenin'ny vavako. [3]Fa olona hafa firenena no mijoro hanohitra ahy, ary lehilahy tsy misy indrafo no nanenjika ny aiko; tsy nametraka an'Andriamanitra teo anoloany izy ireo. Sela
[4]Indro, Andriamanitra no mpamonjiko; ny Tompo irery ihany no manohana ahy. [5]Hamaly ny ratsy nataon'ireo fahavaloko Izy; aringano izy ireny, amin'ny fahatokianao!
[6]Amin'ny fanati-tsitrapo no hanaovako sorona ho Anao; fisaorana no atolotro ho Anao, ry Yaveh, fa tsara izany. [7]Satria namonjy ahy tamin'ny loza rehetra Izy; efa nahita fandresena tamin'ireo fahavaloko ny masoko

55 Ho an'ny mpiventy hira; ampiarahina amin'ny valiha. Maskilan'i Davida. [1]Manongilàna sofina amin'ny fivavaka, Andriamanitra o; ary aza manafin-tena amin'ny fitarainako. [2]Henoy aho ka valio; tsy manm-pitsaharana aho amin'ireo olako [3]noho ny feon'ireo fahavaloko, noho ny fampahorian'ny ratsy fanahy; mampitondra fahoriana ahy izy ireo ary manenjika ahy amim-pahatezerana.
[4]Mangovitra ato anatiko ny foko, ary nilatsaka tamiko ny horohorom-pahafatesana. [5]Efa tonga amiko ny fahatahorana sy ny fangovitana, ary nandifotra ahy ny horohoro.
[6]Hoy aho hoe: "Indrisy, raha mba nanan'elatra tahaka ny voromailala mantsy aho! Dia nanidina aho ary ho amin'ny fitsaharana. [7]Indro, nirenireny lavitra tokoa aho; nijanona any an'efitra. Sela
[8]Namonjy fialofana aingana amin'ny tafio-drivotra sy ranon'oram-baratra aho." [9]Levony izy ireny, ry Tompo, ampifangaroy ny fiteniny! Fa efa nahita herisetra sy fifandirana tao an-tanàna aho.
[10]Mandehandeha andro aman'alina eo ambonin'ny mandan'izany ireny. [11]Heloka sy sompatra no afovoan'izany. Faharatsiana no eo anivon'izany; ary tsy miala amin'ny tsenany ny fampahoriana sy fitaka.
[12]Fa tsy fahavalo no nitenymafy ahy, raha tsy izany dia afaka niharitra ihany aho; ary tsy ilay nankahala ahy no nitsangana hanohitra ahy, raha tsy izany dia afaka nanafina ny tenako taminy ihany aho. [13]Fa ianao indrindra, lehilahy mitovy saranga amiko. namako sy sakaizako akaiky. [14]Nanana fiombonana mamy isika; nandeha tao an-tranon'Andriamanitra niaraka tamin'ny olona isika.
[15]Aoka ho tonga amin'izy ireo amin'ny tsy ampoizina ny fahafatesana; aoka hidina velona any amin'ny Fiainan-tsy hita izy ireo, satria faharatsiana no itoeran'izy ireo, na aiza na aiza misy azy ireo.
[16]Raha izaho aloha, dia hiantso an'Andriamanitra aho, ary Yaveh hanavotra ahy. [17]Mitaraina sy mitoloko aho amin'ny hariva, ny maraina sy ny mitatao vovonana; dia handre ny feoko Izy. [18]Hamonjy ny fiainako soa amantsara izy amin'ny ady izay nanohitra ahy, fa maro dia maro ireo izay niady tamiko.
[19]Andriamanitra, ilay manjaka mandrakizay, anie hihaino ka hampietry azy ireo. Sela Tsy miova mihitsy izy ireo, ary tsy matahotra an'Andriamanitra.
[20]Nanandra-tanana hamely ireo izay nihavana taminy ny sakaizako; tsy nanaja ny fanekena izay nananany izy. [21]Nalama tahaka ny dibera ny vavany, kinajo nankahala ny fony; nalefaka tahaka ny diloilo ny teniny, nefa hay sabatra natsatotsatoka ireny.
[22]Apetraho amin'i Yaveh ireo enta-mavesatrao, ary dia hanohana anao Izy; tsy hamela ny olo-marina hangozohozo mihitsy Izy. [23]Fa Ianao, Andriamanitra o, no hampidina ny ratsy fanahy any an-davaky ny fahapotehana; ireo mangetaheta rà sy ireo olona mpamitaka dia tsy hiaina akory na dia ny antsasaky ny an'ny hafa aza, fa izaho kosa hatoky Anao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

56 Ho an'ny mpiventy hira; atao Jonatelema-rehokima. Salamo nataon'i Davida. Miktama; tamin'ny nisamboran'ireo Filistinaazy tany Gata. [1]Mamindrà fo amiko, Andriamanitra o, fa manafika ahy ireo lehilahy! Ireo miady amiko manery mafy ny fanafihany amin'ny andro lava rehetra. [2]Manitsaka ahy andro lava rehetra ireo fahavaloko; fa maro ireo miady amiko amim-pireharehana.
[3]Raha matahotra aho, dia hapetrako aminao ny tokiko. [4]Amin'Andriamanitra, no iderako ny teniny— amin'Andriamanitra no efa nametrahako ny tokiko; tsy hatahotra aho; inona no azon'izay nofo fotsiny atao amiko?
[5]Mandika vilana ny teniko andro lava izy ireo; manohitra ahy amin'ny fisainan-dratsy rehetra izy ireo. [6]Mikambana izy ireo, miery izy ireo, ka mitsongo dia ahy, satria mikendry ny aiko.
[7]Aza avela handositra amin'ny fanaovan-dratsy izy ireny. Reseo amin'ny hatezeranao ireo olona, Andriamanitra o.
[8]Manisa ny firenireniko Ianao ary mamnao ny ranomasoko ao an-tavoahanginao; moa tsy voasoratra ao amin'ny bokinao ve ireny?
[9]Ary dia hiverina ireo fahavaloko amin'ny andro izay iantsoako Anao; fantatro izany, fa hiady ho ahy Andriamanitra.
[10]Amin'Andriamanitra—no iderako ny teniny, amin'i Yaveh— no iderako ny teniny, [11]amin'Andriamanitra no itokiko, dia tsy hatahotra aho. Inona no azon'ny olona atao amiko?
[12]Ato amiko ny adidy hanatanterahana ireo voadiko aminao, Andriamanitra o; hanolotra fanati-pisaorana ho anao aho.
[13]Fa efa namonjy ny fiainako tamin'ny fahafatesana Ianao; nihazona ny tongotro tamin'ny fianjerana Ianao, mba hahafahako mandeha eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny fahazavan'ny velona.

57 Ho an'ny mpiventy hira; atao Al-Tashheth. Salamo nataon'i davida. Miktama; raha nandositra an'i Saoly izy, tao anaty zohy. [1]Mamindrà fo amiko, Andriamanitra o, mamindrà fo amiko, fa hialoka aminao ambara-pahatapitr'izao fahoriana izao. Mitoetra eo ambany elatrao ho aro aho mandra-pitsahatr'izao faharavana izao.
[2]Hihiaka mafy an'Andriamanitra Avo Indrindra aho, ho an'Andriamanitra, izay manao ny zavatra rehetra ho ahy.
[3]Handefa fanampiana avy any an-danitra Izy ary hamonjy ahy, tezitra amin'ireo izay mamely ahy Izy. Sela. Andriamanitra handefa ny hatsaram-panahiny sy ny fahatokisany amiko.
[4]Eo amin'ireo liona ny aiko; eo amin'ireo izay vonona handrapaka ahy aho. Eo amin'ireo olona izay manana nify toy lefona sy tsipìka aho, ary izay manana lelan-tsabatra maranitra aho. [5]Misandràta, ry Andriamanitra, ambonin'ny lanitra; aoka ho eo ambonin'ny tany rehetra ny voninahitrao.
[6]Namelatra harato ho an'ny tongotro izy ireo; ory aho. Nihady lavaka teo anoloako izy ireo. Ary ny tenan'izy ireo ihany no nianjera tao afovoan'izany! Fiatoana sy fiderana.
[7]Tafatoetra ny foko, Andriamanitra o, tafatoetra ny foko; hihira aho, eny, hihira fiderana aho. [8]Mifohaza, ry foko nomem-boninahitra; mifohaza, ry valiha sy lokanga; hofohaziko ny mangiran-dratsy.
[9]Hanolotra fisaorana ho Anao aho, ry Tompo, eo amin'ireo vahoaka; hihira fiderana ho Anao aho eo amin'ireo firenena.
[10]Fa lehibe ny fitiavanao tsy mety levona, manaka-danitra; ary ny fahatokianao manakatra ny rahona. [11]Misandrata, Andriamanitra o, ambonin'ny lanitra; ny fahasoavanao anie ho asandratra manerana ny tany manontolo

58 Ho an'ny mpiventy hira; atao Al-Tashheth. Salamo nataon'i davida. Miktama. [1]Milaza ny fahamarinana ve ianareo ry mpanapaka? Mitsara amim-pahamarinana ve ianareo, ry olona? [2]Tsia, manao ny faharatsiana ao am-ponareo ianareo; mizara herisetra manerana ny tany amin'ny tananareo ianareo.
[3]Mania ny ratsy fanahy na dia fony mbola tao am-bohoka aza; mania izy ireo hatramin'ny vao teraka, amin'ny filazana lainga. [4]Tahaka ny poizin'ny bibilava ny poizin'izy ireo; toy ny vipera marenina izay manakana ny sofiny tsy handre, [5]izay tsy mitandrina ny feon'ny mpilalao ody, na mahay tahaka ny ahoana aza izy ireo.
[6]Vakio any am-bavany ny nifin'izy ireo, Andriamanitra o; poteho ny vangin'ireo zanaka liona, Yaveh o. [7]Avelao izy ireo hiempo tahaka ny rano raraka; rehefa mandefa ny zanatsipìkany izy ireo, dia aoka ho tahaka ny tsy misy tendrony. [8]Aoka ho tahaka ny lelosy mitsonika izy ireo ary maty, tahaka ny zaza tsy tongavolan'ny vehivavy iray izay tsy mahita mihitsy ny tara-masoandro.
[9]Mialohan'ny hatsapan'ny vilaninao ny hafanana mandoron'ny tsilo, dia ho entiny amin'ny tafio-drivotra ireo, na ny tsilo maitso na ny tsilo mirehitra. [10]Ny olo-marina hifaly rehefa mahita ny famalian'Andriamanitra izy; hanasa ny tongony amin'ny ràn'ny ratsy fanahy izy, [11]mba hilazan'ny olona hoe: "Marina tokoa, fa misy valisoa ho an'ny olo-marina; marina tokoa fa misy Andriamanitra izay mitsara ny tany."

59 Ho an'ny mpiventy hira; atao Al-Tashheth. Salamo nataon'i Davida. Miktama; rehefa naniraka i Saoly, ka niambina ny trano mba hamonoana azy. [1]Afaho amin'ireo fahavaloko aho, Andriamanitro o, apetraho amin'ny avo lavitra ireo mitsangana hanohitra ahy aho. [2]Arovy amin'ireo mpanao heloka aho, ary avoty amin'ireo olona lian-drà.
[3]Fa, indro, mikotrika hikendrena ny aiko izy ireo. Ireo mpanao ratsy mahery dia mivondrona hanohitra ahy, saingy tsy noho ny heloko na ny fahotako, ry Yaveh. [4]Miomana ny hamono ahy izy ireo na dia tsy manam-pahadisoana aza aho; mifohaza ary vonjeo aho ka jereo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Ianao, ry Yaveh Andriamanitra tompon'ny maro, ilay Andriamanitry ny Israely, mitsangàana ary faizo ireo firenen-drehetra; aza mamindra fo amin'izay mpanao meloka. Sela
[6]Miverina izy ireo ny hariva, mivovo tahaka ny alika izy ireo ary mandehandeha eran'ny tanàna. [7]Indro, mandrezatra amin'ny vavany izy ireo; sabatra no eo imolony, fa hoy izy ireo hoe: "Iza no mandre anay?"
[8]Fa Ianao, ry Yaveh, dia mihomehy azy ireo; ataonao fihomehezana ny firenen-drehetra. [9]Andriamanitra, heriko o, hihaino Anao aho; tilikamboko avo Ianao.
[10]Hihaona amiko ny Andriamanitromiaraka amin'ny fanekeny mahatoky; Andriamanitra no hamela ahy hahita ny faniriako amin'ireo fahavaloko. [11]Aza vonoina izy ireo, ndrao hanadino ny oloko. aelezo amin'ny fahefanao izy ireo ary ataovy lavo izy ireo, ry Tompo ampinganay.
[12]Noho ny fahotan'ny vavan'izy ireo sy ny tenin'ny molotr'izy ireo, dia aoka ho samborina izy ireo amin'ny fireharehany, ary amin'ny ozona sy lainga no anehoany. [13]Levony amin'ny fahatezeranao izy ireo, levony izy ireo mba tsy hisy intsony; avelao izy ireo hahafantatra fa Andriamanitra no manjaka amin'i Jakoba sy hatramin'ireo vazan-tany. Sela
[14]Miverina izy ireo ny hariva, mivovo toy ny alika mandehandeha eran'ny tanàna. [15]Mirenireny mitady hanina izy ireo ary mierona tahaka ny alika raha tsy voky.
[16]Fa hihira momba ny herinao aho, ary hihira momba ny fitiavanao tsy miova aho nony maraina! Fa fiarovana avo ho ahy Ianao ary fialofana amin'ny androm-pahoriako. [17]Ho Anao, ry heriko, no hihirako fiderana; fa Andriamanitra no fiarovana avo ho ahy, ilay Andriamanitry ny famindram-po.

60 Ho an'ny mpiventy hira; atao Shushan-Eduth. Miktama nataon'i Davida; ho fampianarana. Fony niady tamin'i Syria Naharaima sy tamin'i Syria Zobah, ary Joaba niverina ka namono Edomita roa arivo sy roa alina tany an-dohasahan-tsira. [1]Andriamanitra o, efa nanary anay Ianao; efa namakivaky ny fiarovanay Ianao; tezitra Ianao; ampodio indray izahay.
[2]Efa nampihovitrovitra ny tany Ianao; efa norotehanao izany; sitrano ny triatrany, fa mihozongozona izany. [3]Nampahita zava-tsarotra ireo vahoakanao Ianao; nampisotro anay ny divay mampivembena Ianao.
[4]Ho an'ireo manome voninahitra Anao, dia efa nananganana faneva aharihary hanoherana ireo izay mitondra tsipìka. Sela [5]Mba hahatonga ireo tianao ho voavonjy, vonjeo amin'ny tananao ankavanana izahay ary valio aho.
[6]Niteny tamim-pahamasinana Andriamanitra hoe: "Hiravoravo Aho; hizara an'i Sekema Aho ary hamaritra ny lohasahan'i Sokota. [7]Ahy Gileada, ary Ahy Manase; fiarovan-dohako ihany koa i Efraima; Joda no tehim-piandrianako.
[8]Tavin-drano fanasako i Moaba; manerana an'i Edoma no hanipazako ny kapako; hihiaka am-pandresena Aho noho i Filistia." [9]Iza no hitondra ahy ao amin'ilay tanana mahery? Iza no hitarika ahy hankany Edoma?
[10]Fa Ianao, Andriamanitra o, moa tsy efa nandà anay ve? Ianao tsy nandeha niady niaraka tamin'ny tafikay. [11]Ampio izahay hanohitra ny fahavalonay, fa zava-poana ny fanampian'olombelona. [12]Handresy izahay miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra; hanitsakitsaka ireo fahavalonay izy.

61 [1]Ho an'ny mpiventy hira; ampiarahina amin'ny valiha. Salamo nataon'i Davida. [2]Henoy ny tarainako, Andriamanitra o; atreho ny fivavako. [3]Hatrany amin'ny faran'ny tany no hiantsoako Anao rehefa henika ny foko; tariho any amin'ny vatolampy izay avo kokoa noho izaho aho. Fa Ianao no efa fialofana ho ahy, fiarovana mafy amin'ny fahavalo.
[4]Avelao aho hitoetra ao amin'ny tabernakelinao mandrakizay! Avelao aho hialoka ambany alok'ireo elatrao. Sela [5]Fa Ianao, Andriamanitra o, no efa nandre ireo voadiko, efa nanome ahy ny lovan'ireo izay manome voninahitra ny Anaranao Ianao.
[6]Hampateza ny fiainan'ny mpanjaka Ianao; ho tahaka ny taranaka mifandimby ny taonany. [7]Hitoetra eo anatrehan'Andriamanitra mandrakizay izy.
[8]Hihira fiderana ho an'ny Anaranao mandrakizay aho mba hahafahako manatanteraka ireo voadiko isanandro.

62 Ho an'ny mpiventy hira, araka ny fomban'i Jedotona. Salamo nataon'i Davida. [1]Miandry an'Andriamanitra irery am-pahanginana aho; avy Aminy ny ny famonjeko. [2]Izy irery no vatolampiko sy famonjeko; Izy no fiarovana avo ho ahy; tsy hangozohozo tokoa aho.
[3]Mandra-pahoviana, ianareo rehetra, no hanafika olona, mba hahafahanareo mampihozohozo azy tahaka ny manda mirona na fefy mihozongozona? [4]Nihaona taminy irery izy ireo mba hampietry azy amin'ny fitoerany be voninahitra; tia miteny lainga izy ireo; mitsodrano azy amin'ny vavany izy ireo, nefa manozona azy any am-pony. Sela
[5]Miandry am-pahanginana an'Andriamanitra irery ihany aho; fa mitoetra any Aminy ny fanantenako. [6]Izy irery ihany no vatolampiko sy famonjena ho ahy; Izy no fiarovako avo; dia tsy hangozohozo aho.
[7]Ao amin'Andriamanitra ny famonjena ahy sy ny voninahitro; ny vatolampin'ny heriko sy fialofako dia ao amin'Andriamanitra. [8]Matokia Azy amin'ny fotoana rehetra, ianareo vahoaka; haidino eo anoloany ny fonareo; ary ho fialofantsika Andriamanitra. Fiatoana sy fiderana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Tsy misy dikany tokoa ireo olona ambany, ary ireo olona ambony dia lainga; ho maivana eo amin'ireo mizana izy ireo;
raha lanjaina miaraka, dia maivana noho ny tsy misy izy ireo. [10]Aza matoky ny fampahoriana na fandrobana; ary
manantena harena tsy misy dikany, satria hilanja ny vokany izy ireo; aza manankina ny fonao amin'izy ireo.
[11]Efa niteny indray mandeha Andriamanitra, indroa no nandrenesako izao hoe: an'Andriamanitra ny hery. [12]Anao ihany
koa, ry Tompo, no fanekena mahatoky, fa Ianao no mamaly ny olona tsirairay avy amin'izay efa vitany.

63 Salamo nataon'i Davida, fony izy tany an'efitr'i Joda. [1]Ry Andriamanitra, Ianao no Andriamanitro! Mitady Anao
fatratra aho, mangetaheta Anao ny fanahiko, ary maniry Anao ny nofoko, eo amin'ny tany maina sy karakaina izay
tsy misy rano. [2]Dia efa nijery Anao tao amin'ny olona masina aho mba hahita ny herinao sy ny voninahitrao.
[3]Satria tsara noho ny fiainana ny famindram-ponao, dia hidera Anao ny molotro. [4]Ka dia hisaotra Anao aho raha mbola
velona koa; hanandratra ny tanako amin'ny Anaranao aho.
[5]Izany dia tahaka ny hoeizaho nihinana hanina nisy tsoka sy sabora; amin'ny molotra ravoravo no hiderako Anao, [6]rehefa
mieritreritra ny momba Anao eo am-pandriana aho ka misaintsaina Anao nony alina.
[7]Fa efa famonjena ahy Ianao, ary amin'ny aloky ny elatrao no iravoravoako. [8]Mifikitra aminao aho; manohana ahy ny
tananao ankavanana.
[9]Fa ireo izay mitady hanimba ny fiainako dia hidina any amin'ny tapany ambany indrindran'ny tany; [10]hatolotra eo
amin'ireo izay mampiasa ny sabatra eny an-tanany izy ireo, ary ho lasa sakafo ho an'ireo amboahaolo izy ireo.
[11]Fa ny mpanjaka hifaly amin'Andriamanitra; ny olona rehetra izay mianiana Aminy dia hirehereha Aminy, fa ny
vavan'ireo izay milaza lainga dia hikombona.

64 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. [1]Henoy ny feoko, ry Andriamanitra, henoy ny fitarainako; arovy
amin'ny tahotr'ireo fahavaloko ny aiko. [2]Afeno amin'ny tetika miafin'ireo mpanao ratsy aho, amin'ny tabataban'ireo
mpanota.
[3]Efa nandranitra ny lelany tahaka ny sabatra izy ireo; efa nanenjana ny zana-tsipìkany izy ireo, ny teny mangidy, [4]mba
ahafan'izy ireo mitifitra ny olona izay tsy manan-tsiny avy eny amin'ny toerana miafina; ary tampoka izy ireo no mitifitra
azy sady tsy matahotra na inona na inona.
[5]Dia nankahery ny tenany tamin'ny teti-dratsy izy ireo; niara-nidinika mangina mba hametraka ireo fandrika izy ireo;
hoy izy ireo hoe: "Iza no hahita antsika?" [6]Namorina teti-dratsy izy ireo; "Efa vitanay,": hoy izy ireo, "ilay tetika
matipaika." Ny anatin'ny eritreritra ny ny fon'ny olona dia lalina.
[7]Nefa hikendry azy ireo Andriamanitra; haratran'ny zana-tsipìkany izy ireo. [8]Ho tafintohina izy ireo, satria ny lelan'izy
ireo ihany no nanohitra azy ireo; izay rehetra mahita azy ireo dia hanifikifika ny lohany. [9]Ny olona rehetra dia hatahotra
ary hanambara ny asa lehiben'Andriamanitra. Hieritreritra am-pahendrena izay efa nataony izy ireo.
[10]Ny marina dia ho faly ny amin'i Yaveh ary hialoka ao aminy; ny mahitsy am-po rehetra dia hireharehana Aminy.

65 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo. [1]Hiran'i Davida. Ho anao, Andriamanitra any Ziona, no andrasan'ny vavakay;
hanatanteraka ny voadinay Aminao izahay. [2]Ianao izay mihaino vavaka, ho tonga eo Aminao ny nofo rehetra. [3]Ireo
heloka handresy antsika; raha ireo fandikan-dalànantsika, dia hamela ireny Ianao.
[4]Sambatra ny olona izay nisafidy hanakaiky Anao mba hahafahany mivelona ao an-kianjanao. Dia ho afa-po ny amin'ny
hatsaran'ny tranonao, ny tempolinao masina izahay.
[5]Amin'ny fahamarinana no hamalianao anay amin'ny fanaovana ireo zava-mahagaga, ry Andriamanitrin'ny famonjenay;
Ianao izay tokin'ny fiafaran'ny tany rehetra sy ny an'ireo izay lavitra ny ranomasina.
[6]Fa Ianao no nanamafy orina ireo tendrombohitra, Ianao ilay manao fehin-kibo amin'ny hery. [7]Ianao izay no
mampangiana ny fieron'ireo ranomasina, ny fieron'ireo onjany, ary ny tabataban'ireo vahoaka.
[8]Ireo izay monina any amin'ny faran'ny tany dia matahotra ny amin'ny porofon'ireo asanao; Ianoa no mampifaly ny
atsinanana sy ny andrefana. [9]Tonga hanavotra ny tany Ianao; tondrahanao izany; ary ampitomboinao fatratra; feno rano
ny onin'Andriamanitra; mamatsy voa ho an'olombelona Ianao rehefa avy nanomana ny tany.
[10]Nanondraka ranon'ireo tany voaasa ao amin'izany Ianao; nametraka ireo sisin'ny tany voaasa Ianao; nanalefaka izany
tamin'ny ranon'orana Ianao; mitahy ireo tsimoka eo amin'izy ireo Ianao. [11]Manarona ny taona amin'ny fahatsaranao
Ianao; ireo lalana aorian'ny kalesinao dia mitete fahatavizana amin'ny tany. [12]Ireo ahitra ao an'efitra dia mitete ando, ary
ireo havoana dia nitafy fifaliana.
[13]Rakotra ondry aman'osy ny tany fihinanam-bilona; voarakotra voa ihany koa ireo lohasaha; mihiaka fifaliana ireny, ary
mihira.

66 Ho an'ny mpiventy hira. Hira, salamo. [1]Manaova hiakam-pifaliana ho an'Andriamanitra, ry tany rehetra; [2]mihirà
mafy ny voninahitriny Anarany; omeo voninahitra ny fiderany.

[3]Lazao Andriamanitra hoe: "Endrey mahatahotra ireo asanao! Amin'ny fahalehibiazan'ny herinao no haneken'ireo fahavalonao Anao. [4]Ny tany rehetra hanompo Anao ary hihira ho Anao; hihira ho an'ny Anaranao izy ireo." Sela
[5]Avia ka zahao ireo asan'Andriamanitra; mahatahotra Izy noho ireo asany lehibe amin'ireo zanak'olombelona. [6]Namadika ny ranomasina ho tany maina Izy; namakivaky ny ony an-tongotra izy ireo; tany izahay no niravoravo taminy.
[7]Manapaka amin'ny heriny mandrakizay Izy; mandinika ireo firenena ny masony; aoka ireo mpikomy tsy hanandra-tena. Sela
[8]Manolora fisaorana ho an'Andriamanitra, ianareo ry olona, aokaho re ny feon'ny fiderana Azy. [9]Izy no miahy antsika amin'ny velona, ary tsy mamela ny tongotsika hisolifatra Izy.
[10]Fa Ianao, ry Andriamanitra, efa nitsapa anay tahaka ny fitsapana volafotsy Ianao. [11]Nitondra anay tao anaty harato Ianao; nametraka enta-mavesatra teo am-balahanay Ianao. [12]Efa nanao ny olona hanitsaka ny lohanay Ianao; namakivaky afo sy rano izahay, nefa namoaka anay ho any amin'ny toerana midadasika Ianao.
[13]Hiditra ao an-tranonao amin'ny fanatitra dorana aho; hefaiko Aminao ireo voadiko [14]izay nampanantenain'ny molotro sy ny nolazain'ny vavako fony aho mbola tanaty fahoriana. [15]Hanolotra ho Anao fanatitra dorana biby mifahy miaraka amin'ny hanitra ankasitrahana avy amin'ny ondrilahy aho; hanolotra omilahy sy osilahy aho. Sela
[16]Manatona ary mihainoa, ianareo rehetra izay matahotra an'Andriamanitra, ary holazaiko izay efa nataony ho an'ny fanahiko. [17]Niantso Azy tamin'ny vavako aho, ary noderaina tamin'ny lelako Izy. [18]Raha nahita ny fahotana tao am-poko aho, dia tsy mba hihaino ahy ny Tompo.
[19]Fa mandre marina Andriamanitra; efa nitandrina ny feon'ny fivavako Izy. [20]Isaorana anie Andriamanitra, izay tsy nandà ny fivavako na ny fanekeny mahatoky tamiko.

67 [1]Ho an'ny mpiventy hira; ampiarahina amin'ny valiha. Salamo, tonon-kira. Andriamanitra anie hamindra fo amintsika ka hitahy antsika ary hampamirapiratra ny tavany amintsika Sela [2]mba hahafantarana ny lalanao ety ambonin'ny tany, ny famonjenao eo amin'ny firenen-drehetra.
[3]Aoka ny olona hidera Anao, Andriamanitra o; aoka ny olon-drehetra hidera Anao. [4]Endrey ireo firenena ho faly sy hihira fifaliana, fa hitsara ny olon-drehetra amin'ny fahitsiana Ianao ary hanapaka ireo firenena ety ambonin'ny tany. Sela
[5]Aokan ny olona hidera Anao, Andriamanitra o; aoka ny olon-drehetra hideran Anao. [6]Ny tany efa namoa ny vokany ary Andriamanitra, Andriamanitray no nitahy anay.
[7]Andriamanitra efa nitahy anay, ary ny vazan-tany rehetra manome voninahitra Azy.

68 Ho an'ny mpiventy hira; salamo nataon'i Davida, tonon-kira. [1]Aoka hitsangana Andriamanitra; aoka ireo fahavalony ho hiely; aoka ihany koa ireo mankahala Azy handositra tsy ho eo anatrehany. [2]Tahaka ny setroka miely, no hampielezana azy ireo; toy ny savoka miempo anaty afo, no aoka hahlevona ny ratsy fanahy eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. [3]Fa aoka kosa ny olo-marina ho faly; aoka izy ireo hilafy eo anoloan'Andriamanitra; hiravoravo anie izy ireny ka dia ho faly.
[4]Mihirà ho an'Andriamanitra! mihirà fiderana ho an'ny anarany! Derao Ilay mandeha mamakivaky ireo tany lemaky ny lohasahan-driaka Jordana! Yaveh no anarany! Mifalia eo anatrehany! [5]Rain'ny kamboty, mpitsara ireo mananontena, ilay Andriamanitra any amin'ny fitoerana masina. [6]Andriamanitra mametraka ny irery ho amin'ny fianakaviana, entiny mivoaka amim-kalokalo ny gadra; fa ny mpikomy monina any amin'ny tany karakaina.
[7]Andriamanitra o, raha nivoaka teo anatrehan'ny vahoakanao Ianao, rehefa nandeha namakivaky ny tany efitra Ianao, Sela [8]Dia nihovitra ny tany; ny lanitra ihany koa nitete orana tamin'ny fanatrehan'Andriamanbitra, tamin'ny fanatrehan'Andriamanitra rehefa tonga tany Sinay Izy, tamin'ny fanatrehan'Andriamanitra, ilay Andriamanitr'Israely.
[9]Ianao, Andriamanitra o, no nandefa oram-be; Ianao no nampatanjaka ny lovanao raha reraka izany. [10]Monina ao ny vahoakanao; Ianao, Andriamanitra, nanome ny mahantra tamin'ny fahatsaranao.
[11]Ny Tompo no nanome ireo baiko, ary tafika lehibe ireo izay nanambara izany. [12-13]Mandositra ireo mpanjakan'ny tafika, nandositra izy ireo, ary nizara ny fandrobana ireo vehivavy niandry tao an-trano: voromailala voarakotra volafotsy sy elatra volamena mavo. Rehefa nipetraka tamin'ireo valan'ondry ny sasany taminareo ry vahoaka, dia nahoana no manao izany ianareo?
[14]Nampiely mpanjaka tany ilay Tsitoha, izany dia tamin'ny nisian'ny oram-panala tany amin'ny tendrombohitra Zalmona.
[15]Tendrombohitra mahery no tany havoan'i Basana; tendrombohitra avo no tany havoan'i Basana. [16]Nahoana ianao no mijery am-pitsiriritana, ianao ry tany havoana, ao an-tendrombohitra izay nirian'Andriamanitra ho toeram-ponenany? Honina mandrakizay ao tokoa Yaveh.
[17]Roa alina ireo kalesin'Anadriamanitra, an'alina ambonin'ny arivo; eo amin'izy ireo amin'ny fitoerana masina, toy ny tany Sinay ny Tompo. [18]Nihoatra ny avo Ianao; nentinao ireo babo; nandray fanomezana avy tamin'ireo olona Ianao, en fa na avy amin'ireo izay niady taminao aza, mba hitoetra any, Ianao, ry Yaveh Andriamanitra.
[19]Isaorana anie ny Tompo, izay mitondra ny entantsika isan'andro isan'andro, ilay Andriamanitra izay famonjena ho antsika. Sela [20]Ny Andriamanitsika dia Andriamanitra manavotra; ny Tompo Yaveh no ilay mahay manavotra antsika amin'ny fahafatesana. [21]Fa Andriamanitra dia hamely amin'ny lohan'ireo fahavalony, amin'ny volon-dohan'ireo izay mandeha amin'ny fandikan-dalàna manohitra Azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Hoy ny Tompo hoe: "Ho entiko miverina avy any Basana ireo fahavaloko; ho entiko miverina avy any amin'ny lalin'ny ranomasina izy ireo [23]mba hahafahanao mamotika ny fahavalonao, mandroboka ny tongotrao amin'ny rà, sy mba hahafahan'ny lelan'ireo amboanao hanan-jara amin'ireo fahavalonao."
[24]Efa nahita ny filaharanao aho, Andriamanitra o, dia ny filaharan'Andriamanitro, mpanjakako, ao amin'ny fitoerana masina. [25]Ireo mpikalo no nandeha mialoha, nanaraka tao aoriana ireo mpitendry valiha, ary tany afovoany no ireo zatovovavy tsy nanambady mpively amponga tapaka.
[26]Isaory Andriamanitra ao amin'ny fiangonana, miderà an'i Yaveh, ianareo ry taranak'Israely marina. [27]Misy ny voalohany dia i Benjamina, ilay foko kely indrindra, manaraka ireo mpitarik'i Joda sy ireo mpanaraka azy ireo, ireo mpitarik'i Zebolona sy ireo mpitarik'i Naftaly.
[28]Ny Andriamanitrareo, ry Israely, dia efa nandidy ny tanjakao; asehoy anay ny herinao, Andriamanitra o, tahaka ny nampisehoanao izany tamin'ny fotoana efa lasa. [29]Asehoy anay avy ao an-tempoly ao Jerosalema, izay anateran'ireo mpanjaka fanomezana ho Anao, ny herinao.
[30]Mihikà amin'ny ady hanohitra ireo bibidia any anaty volotara, hanohitra ireo olona, izany habetsahan'ny ombilahy sy zanak'omby izany. Ahetreo izy ireo ary ampitondrao fanomezana; aparitaho ireo olona izay tia manangana ady.
[31]Andriana no ho tonga avy any Egypta; i Etiopia haninjitra maika ny tanany ho any amin'Andriamanitra.
[32]Mihirà ho an'Andriamanitra, ianareo fanjakan'ny tany; Sela Mihirà ho an'i Yaveh. [33]Ho Azy izay miakatra amin'ny lanitry ny lanitra, izay nisy hatramin'ny fotoana taloha; indro, Izy manandra-peo amin-kery.
[34]Ekeo ho an'Andriamanitra ny hery; an'Israely ny fiandrianany, ary eny an-danitra ny ny heriny. [35]Andriamanitra o, mahatahotra Ianao any amin'ny fitoeranao masina; ilay Andriamanitr'Israely—manome hery sy tanjaka ho an'ny vahoakany Izy. Isaorana anie Andriamanitra.

69 Ho an'ny mpiventy hira; atao Shoshannim. Salamo nataon'i Davida. [1]Vonjeo aho, Andriamanitra o; fa nataon'ny rano tandindonin-doza ny fiainako. [2]Milentika anaty fotaka mandrevo aho, izay tsy misy toerana ijoroana; anaty rano lalina aho, izay ikorianan'ny ranobe.
[3]Ketraka amin'ny fitarainako aho; maina ny tendako; ts, maharitra eo am-piandrasana an'Andriamanitro ny masoko.
[4]Betsaka kokoa noho ny volo eo an-dohako ireo mankahala ahy amin'ny tsy antony; ireo mananapaka ahy, manao ahy ho fahavalo amin'ny tsy rariny, dia mahery; izay tsy nangalariko akory, dia tsy maintsy averiko.
[5]Andriamanitra o, fantatrao ny fahadalako, ary tsy miafina aminao ny heloko. [6]Aoka ireo izay miandry Anao tsy ho menatra noho izaho, ry Tompo YAveh tompon'ny maro; aoka ireo izay mitady Anao tsy ho tonga amin'ny fahafam-baraka noho izaho, ry Andriamanitr'Israely.
[7]Noho ny aminao no nitondrako latsa; henatra no manarona ny tavako. [8]Niova ho hafa firenena aho amin'ireo rahalahiko, vahiny ho an'ireo zanaky ny reniko. [9]Fa ny fahazotoan'ny tranonao no nandrapaka ahy, ary ireo latsan'ireo izay niteny mafy ahy no efa nalatsakao tamiko.
[10]Rehefa nitomany aho ka tsy nahinankanina, dia naniratsira ahy izy ireo. [11]Rehefa nataoko lamba fisaonana ny fitafiako, dia lasa ambentin-teny tamin'izy ireo aho. [12]Miresaka ny momba ahy ireo izay mipetraka eo amin'ny vavahadin'ny tanàna; ambentin-kiran'ireo mamolava aho.
[13]Fa raha izaho aloha, dia ho Anao ny fivavako, ry Yaveh, amin'ny fotoana izay hanekenao; valio amin'ny fahamendreham-pitokian'ny famonjenao. [14]Sintony avy ao amin'ny fotako, ary aza avelanao ho difotra aho; aoka aho ho voaala lavitra ireo izay mankahala ahy ka ho voavonjy avy ao amin'ny rano lalina. [15]Aza avela handifotra ahy ireo tondra-drano, na ny lalina hitelina ahy. Aza avela hanidy ny vavany eto amiko ny lavaka.
[16]Valio aho, Yaveh o, fa tsara ny fanekenao mahatoky; satria maro ireo fiantranao tamiko, mitodiha aty amiko. [17]Aza manafin-tava amin'ny mpanomponao, fa anaty fahoriana aho; valio faingana aho.
[18]Midìna amiko ka vonjeo aho. Noho ireo fahavaloko, avoty aho. [19]Fantatrao ny fandatsàna ahy, ny henatro, ary ny fahafam-barakako; manoloana Anao avokoa ireo fahavaloko rehetra.
[20]Nandratra ny foko ireo latsa; feno fahvesarana aho; mitady olona hiantra aho, saingy mba nisy; nitady mpampahery aho, saingy tsy nahita. [21]Nanome ahy poizina izy ireo ho sakafoko; tamin'ny hetahetako dia vinaingitra no nomen'izy ireo.
[22]Aoka ho tonga fandrika ny latabany eo anoloan'izy ireo; rehefa mieritreritra izy ireo fa mitoetra tsy manana ahiahy, aoka izany ho tonga fandrika. [23]Aoka ny mason'izy ireo ho maizina ka tsy hahita; ary ataovy mihozongozona foana ny lamosin'izy ireo.
[24]Araraho amin'izy ireo ny fahatezeranao, ary aoka ny firehetan'ny hatezeranao hahatratra azy ireo. [25]Aoka ho foana ny toeran'izy ireo; aza avela hisy onina ao amin'ny lainy.
[26]Fa manenjika mafy izay nasianao izy ireo. Mamerimberina ny fanaintainan'ireo izay voaratranao izy ireo. [27]Miampangà azy ireo ho nahavita heloka miampy heloka; aza avela ho tonga amin'ny fandresenao marina izy ireo.
[28]Aoka izy ireo ho voafafa ao amin'ny Bokin'ny fiainana ary tsy ho voasoratra miaraka amin'ny olo-marina. [29]Kanefa mahantra sy malahelo aho; ka aoka ny famonjenao, Andriamanitra o, hametraka ahy amin'ny avo.
[30]Hidera ny anaran'Andriamanitra amin'ny hira aho ary hanandratra Azy amin'ny fisaorana. [31]Ankasitrahan'i Yaveh tsara kokoa mihoatra ny omby sy ombilahy izy manan-tandroka sy kitro izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[32]Efa nahita izany ny malemy fanahy ka dia faly; ianao izay mitady an'Andriamanitra, aoka ny fonao ho velona. [33]Fa Yaveh
mandre ny ory ary tsy manao tsinontsinona ny gadrany.
[34]Aoka ny lanitra sy ny tany hidera Azy, ny ranomasina sy izay rehetra mihetsiketsika ao aminy. [35]Fa Andriamanitra
hanavotra an'i Ziona ary hanangana indray ireo tanàna'i Joda; honina ao ny olona ka hanao izany ho fananana. [36]Ireo
taranaky ny mpanompony handova izany; ary ireo izay tia ny Anarany dia honina ao.

70 [1]Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida; mba hitondra ho amin'ny fahatsiarovana. [2]Vonjeo aho,
Andriamanitra o! Yaveh o, tongava malaky ka avoty aho. Aoka ireo izay mitady hikendry ny aiko ho menatra sy afa-
baraka; aoka izy ireny hajanona sy ho tonga amin'ny fahafam-baraka, ireo izay mifaly amin'ny fanaintainako. [3]Aoka izy
ireny hajanona noho ny henatr'izy ireny, ireo manao hoe: "Aha, aha."
[4]Aoka izay rehetra mitady Anao hifaly sy ho ravoravo ao aminao; aoka ireo izay tia ny famonjenao hiteny mandrakariva
hoe: "Hoderaina anie Andriamanitra." [5]Kanefa mahantra sy ory aho; faingàna amiko, Andriamanitra o; Ianao no vonjy ho
ahy ary manavotra ahy. Yaveh o, aza ela.

71 [1]Ao aminao, ry Yaveh, no hialofako; aza avelanao ho menatra mihitsy aho. [2]Vonjeo aho ary aoka hitoetra tsy
manan'ahiahy amin'ny fahamarinanao; atongilano amiko ny sofinao ka avoty aho. [3]Meteza ho vatolampy fialofana ho
ahy mba hahafahako mandeha; efa nanome baiko ny hanavotana ahy Ianao, fa Ianao no vatolampy sy batery fiarovana
ho ahy.
[4]Vonjeo aho, Andriamanitro o, amin'ny tanan'ny ratsy fanahy, amin'ny tanan'ny tsy marina sy lozabe. [5]Fa Ianao no
fanantenako, ry Tompo Yaveh. Efa nitoky taminao foana aho hatramin'ny fony aho mbola zaza.
[6]Ianao no nanankinana ahy hatrany am-bohoka; Ianao no izy izay naka ahy avy tao an-kibon-dreniko; ho aminao hatrany
ny derako. [7]Fitaratra ho an'olona maro aho; Ianao no fialofako mafy.
[8]Ho feno fiderana Anao ny vavako, ny andro tontolo amin'ny voninahitrao. [9]Aza manary ahyamin'ny fotoan'ny
fahanterana; aza mahafoy ahy rehefa ketraka ny heriko.
[10]Fa miresaka ny momba ahy ireo fahavaloko; ireo izay misoko ny aiko miara-miteti-dratsy. [11]Hoy izy ireo hoe: "Nahafoy
azy Andriamanitra; enjeho izy ary alao, fa tsy misy olona hanavotra azy."
[12]Andriamanitra o, aza manalavitra ahy; ry Andriamanitro, faingàna havanotra ahy. [13]Aoka izy ireo ho menatra sy rava,
ireo izay feno fankahalana amin'ny fiainako; aoka izy ireny ho rakotra latsa sy fahafam-baraka, ireo izay mitady ny
faharatrako.
[14]Fa izaho kosa dia hanantena mandrakariva Anao ary hidera Anao hatrany hatrany. [15]Hilaza momban'ny fahamarinanao
sy ny famonjenao tontolo andro ny vavako, na dia tsy takatro aza izany. [16]Ho avy aho amin'ireo asa maherin'ny Tompo
Yaveh; hanonona ny fahamarinanao aho, ny Anao irery.
[17]Andriamanitra o, efa nampianatra ahy Ianao hatramin'ny fahatanorako; hatramin'izao aza dia manambara ireo asanao
mahatalanjona aho. [18]Eny tokoa fa na dia antitra sy fotsy volo aza aho, Andriamanitra o, dia aza mahafoy ahy, satria efa
nampahafantatra ny herinao tamin'ny taranaka mandimby aho, ny fahefanao tamin'izay rehetra ho avy.
[19]Ny fahamarinanao ihany koa, Andriamanitra o, dia tena avo; Ianao izay nanao zava-dehibe, Andriamanitra o, iza no
tahaka Anao? [20]Ianao izay nampiseho anay fahoriana mahery vaika maro no hamelona anay sy hampiakatra any avy
amin'ny lalin'ny tany indray.
[21]Hampitombo ny voninahitrao anie Ianao; mitodiha indray ka herezo aho. [22]Hanolotra fisaorana ho Anao koa aho
amin'ny lokanga noho ny fahamendreham-pitokianao, ry Andriamanitro; ho Anao no hihirako fiderana amin'ny lokanga,
ry Ilay Masin'Israely.
[23]Hihoby ny molotro rehefa mihira fiderana ho Anao aho—na dia ny fanahiko aza, izay efa novonjenao. [24]Hilaza
momban'ny fahamarinanao andro lava ny lelako; fa efa nomenarina izy ireo ary very hevitra, ireo izay nitady ny
faharatrako

72 Salamo nataon'i Solomona. [1]Omeo ny mpanjaka ireo lalànao marina, Andriamanitra o, ny fahamarinanao ho an'ny
zanaka lahin'ny mpanjaka. [2]Hitsara ny olona amin'ny fahamarinana anie izy ary ny mahantranao amin'ny rariny.
[3]Hamoa fiadanana ho an'ny olona anie ireo tendrombohitra; hamoa fahamarinana anie ireo havoana.
[4]Hitsara ny mahantra amin'ny vahoaka anie izy; hanavotra ireo zanaky ny ory anie izy ka hamotipotika ny mpampahory.
[5]Hanome voninahitra Anao anie izy ireo raha mbola eo koa ny masoandro, ary raha mbola maharitra koa ny volana
manerana ny taranaka hifandimby rehetra.
[6]Hirotsaka tahaka ny orana eny amin'ny ahitra voatapaka anie izy, tahaka ny rotsak'orana izay manondraka ny tany.
[7]Hamony amin'ny androny anie ny olo-marina, ary hisy fiadanam-be anie ambara-pahafoanan'ny volana.
[8]Hanana fanapahana amin'ny ranomasina mankany amin'ny ranomasina anie izy. [9]Hiankohoka eo anatrehany anie ireo
monina any an'efitra; hisolelaka vovoka anie ireo fahavalony. [10]Ireo mpanjakan'i Tarsisy sy ny an'ireo nosy anie handoa
hetra; ireo mpanjakan'i Sheba sy Seba anie hanolotra fanomezana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Ho lavo eo anatrehany tokoa anie ireo mpanjaka rehetra; hanompo azy anie ireo firenen-drehetra. [12]Fa manavotra ny olona ory izay mitaraina sy ny olo-mahantra izay tsy manana mpanavotra hafa izy.
[13]Mamindra fo amin'ny mahantra sy ory izy, ary manavotra ny ain'ny olona ory. [14]Mamonjy ny ain'izy ireo amin'ny fampahoriana sy herisetra izy, ary sarobidy eo imasony ny ràn'izy ireo.
[15]Ho velona anie izy! Homena Azy anie ny volamenan'i Sheba. Hivavaka ho azy foana anie ny olona; hitahy azy andro lava anie Andriamanitra. [16]Hisy fahabetsaham-bary anie eny amin'ny tany; eny amin'ny antampon-tendrombohitra anie no hisy volin'izy ireo. Ho tahaka an'i Libanona anie ny vokatr'izany; hamony tahaka ny ahitry ny saha anie ny olona ao an-tanàna.
[17]Haharitra mandrakizay anie ny anarany; haharaitra tahaka ny masoandro anie ny anarany; ho voatahy ao aminy anie ny olona; hiantso Azy hoe sambatra anie ny firenen-drehetra.
[18]Isaorana anie Yaveh Andriamanitra, ilay Andriamanitr'Israely, izay Izy irery no manao zava-mahagaga. [19]Isaorana mandrakizay anie ny anarany be voninahitra, ary ho feno ny voninahiny anie ny tany manontolo. Amen dia Amen.
[20]Tapitra ny fivavahan'i Davida zanaka lahin'i Jese. Boky fahatelo

73 [1]Salamo nataon'i Asafa. Azo antoka tokoa fa Andriamanitra dia tsara ho an'Israely, ho an'ireo madio fo. [2]Fa raha izaho aloha, dia saika nibolisatra ny tongotro; saika solafaka ny diako [3]satria nitsiriritra ny mpirehareha aho raha nahita ny fahombiazan'ny ratsy fanahy.
[4]Fa tsy mba mijaly izy ireo mandra-pahafatiny, fa dia mahery sy voafahana tsara. [5]Afaka amin'ny enta-mavesatry ny lehilahy hafa izy ireo; tsy mba ory tahaka ny olona hafa.
[6]Mandravaka azy ireo tahaka ny rojo eo amin'ny vozony ny fireharehana; ny herisetra no tafiany toy ny akanjo. [7]Avy amin'ny fahajambana toy izany no hivoahan'ny ota; mamakivaky ny fon'izy ireo ny eritreri-dratsy.
[8]Maneso sy miteny ratsy izy ireo; amin'ny fiavonavonana no andrahonan'izy ireo fampahoriana. [9]Ampanoherin'izy ireo ny lanitra ny vavany, ary mamakivaky ny tany ny lelan'izy ireo.
[10]Noho izany dia mitodika amin'izy ireo ny olony ka rano be no voagoka. [11]Hoy izy ireo hoe: "Ahoana no hahalalan'Andriamanitra? Moa misy fahalalana ao amin'ny Avo Indrindra?" [12]Hevero tsara: ireny olona ireny dia ratsy fanahy; tsy mivaky loha mandrakariva izy ireny, tonga mpanan-karena dia manan-karena.
[13]Zava-poana dia zava-poana ny niambenako ny foko sy ny nanasako tanana tamin'ny tsy fananan-tsiny. [14]Fa nampahoriana andro lava aho ary nofaizina isa-maraina. [15]Raha nilaza aho hoe: "Holazaiko ireo zavatra ireo," dia efa namadika ity taranaka mandimbin'ny zanakao ity aho.
[16]Na izany aza dia niezaka nanakatra ireo zavatra ireo aho, tena sarotra tamiko anefa izany. [17]Koa nandeha tao am-pitoerana masin'Andriamanitra aho ka tonga nahatakatra ny nanjo azy ireo.
[18]Napetrakao tamin'ny teorana malama tokoa izy ireo; naetrinao tamin'ny faharavana izy ireo. [19]Indrisy fa tonga efitra izy ireo tanatin'ny fotona fohy! Tonga amin'ny fahataperana izy ireo ka miafara amin'ny horohoro mahatsiravina. [20]Tahaka ny nofy aorian'ny fifohazana izy ireo; Tompo o, rehefa miarina Ianao, dia tsy hihevitra na inona na inona amin'ireny nofy reny.
[21]Fa nalahelo ny foko, ary naratra mafy aho. [22]Tsy nahalala aho ary tsy mba lalin-tsaina; tahaka ny biby tsy misy antony aho manoloana Anao.
[23]Nefa aho miaraka aminao hatrany; mihazona ny tanako ankavanana Ianao. [24]Hitarika ahy amin'ny torohevitrao Ianao ary aorian'izany dia handray ahy amim-boninahitra.
[25]Manana an'iza afa-tsy Ianao moa aho any an-danitra? Tsy misy iriako afa-tsy Ianao ety ambonin'ny tany. [26]Miha-ketraka ny nofoko sy ny foko, fa herin'ny foko mandrakizay Andriamanitra.
[27]Ho levona ireo izay lavitra Anao; ho ringaninao izay rehetra tsy mahatoky Anao. [28]Fa raha izaho aloha, ny hany tokony ataoko dia ny manatona an'Andriamanitra. Efa nanao ny Tompo Yaveh ho fialofako aho. Hanambara ireo asanao rehetra aho.

74 Maskila nataon'i Asafa. [1]Andriamanitra o, nahoana no dia nandà anay mandrakizay Ianao? Nahoana no dia mirehitra amin'ny ondrin'ny fihinanam-bilonao ny hatezeranao? [2]Tsarovy ny olonao, izay nenjehinao tamin'ny fotoana taloha, ny foko izay efa navotanao mba ho lovanao manokana, sy ny tendrombohitra Ziona, izay onenanao.
[3]Tongava hijery ny faharavana tanteraka, ny fahasimbana rehetra izay nataon'ny fahavalo tamin'ny fitoerana masina.
[4]Mierona eo afovoan'ny toerana voatondronao ireo fahavalonao; mametraka ny sainan'ny adiny. [5]Nanapatapaka amin'ny famaky tahaka ny any amin'ny ala mikitroka izy ireo. [6]Namotipotika sy nandrodana ireo sokitra rehetra; novakian'izy ireo tamin'ny famaky sy tantanana.
[7]Mandoro ny fitoeranao masina izy ireo; manimbazimba ny fonenanao, manazera izany amin'ny tany. [8]Hoy izy ireo anakampo hoe: "Hopotehinay avokoa izy rehetra ireo." Nodoran'izy ireo avokoa ny toeranao fihaonana rehetra teny amin'ny tany.
[9]Tsy mahita famantarana intsony izahay; tsy misy mpaminany intsony, ary tsy misy aminay mahalala izay haharetan'izany. [10]Mandra-pahoviana, Andriamanitra o, no handefasan'ireo fahavalo ompa any aminao? Moa hiteny ratsy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ny Anaranao mandrakizay ve izy ireo? [11]Nahoana Ianao no mihazona ny tananao, ny tananao ankavanana? Esory ao anaty akanjonao ny tananao ankavanana ka aringano izy ireo.
[12]Kanefa Andriamanitra dia mpanjakako efa hatramin'ny taloha, mitondra famonjena amin'ny tany. [13]Ianao no nampisaraka ny ranomasina tamin'ny herinao; Ianao no namotipotika ny lohan'ireo dragon'ny ranomasina tao anaty rano.
[14]Ianao no nanorotoro ny lohan'ireo leviatana; Ianao no namahana azy ho amin'ireo velona tany an'efitra. [15]Ianao no nampivoaka loharano sy riana; Ianao no nandritra ny ony mikoriana.
[16]Anao ny andro, ary Anao koa ny alina; Ianao no nametra ny masoandro amam-bolana amin'ny toerany. [17]Ianao efa nametraka ireo vazan-tany rehetra; Ianao efa nanao ny fahavratra sy ny ririnina.
[18]Tsarovy ny fomba naniratsiran'ny fahavalo Anao, ry Yaveh, ary ireo olona adala izay efa niteny ratsy ny anaranao. [19]Aza apetraka eo amin'ny bibidia ny ain'ny voromailalanao. Aza manadino ny ain'ireo olonao nampahoriana mandrakizay.
[20]Tsarovy ny fanekenao, fa ny toerana maizina amin'ny tany dia feno toeran'ny herisetra. [21]Aza avela hiverina amin'ny henatra ireo nampahoriana; avelao hihoby ny anaranao ny mahantra sy nampahoriana.
[22]Mitsangàna, Andriamanitra o; arovy ny voninahitrao manokana; tsarovy ny fomba naniratsiran'ny adala Anao andro lava. [23]Aza manadino ny feon'ireo mpifanandrina aminao na ny tabataban'ireo izay mihantsy Anao tsy anki-janona.

75 Ho an'ny mpiventy hira; atao Al-Tashheth. Salamo nataon'i Asafa, tonon-kira. [1]Saotra no atolotray Anao, Andriamanitra o; saotra no atolotray, satria manambara ny fanatrehanao Ianao; ny olona milaza ireo asanao mahagaga. [2]Hitsara ara-drariny Aho amin'ny fotoana voatendry. [3]Na dia hihovitrovitra amin-tahotra aza ny tany sy ny mponina rehetra, dia hamafisiko ireo andrin'ny tany. Sela
[4]Hoy aho amin'ny mpiavonavona hoe: "Aza miavonavona," ary amin'ny ratsy fanahy hoe: "Aza manandratra ny tandroka.
[5]Aza manandratra ny tandrokao amin'ny avo; aza miteny amin'ny hatoka mpanambany." [6]Tsy avy any atsinanana izany na koa avy any andrefana, ary tsy avy any an'efitra akory no nahatongavan'izany fanandratana izany.
[7]Fa Andriamanitra no mpitsara; Izy no manetry ary Izy no manandratra. [8]Fa Yaveh mihazona amin'ny tanany ny kapoakan'ny diavay mandroatra, izay voaharo hanitra, sy mandraraka izany. Hisotro izany hatramin'ny fara-faikany tokoa ny ratsy fanahy rehetra amin'ny tany.
[9]Fa izaho kosa hilaza hatrany izay efa nataonao; hihira fiderana ho an'Andriamanitr'i Jakoba aho. [10]Hoy Izy hoe: "Hanapaka ny tandroky ny ratsy fanahy rehetra Aho, fa ny tandroky ny olo-marina ho asandratra ambony."

76 [1]Ho an'ny mpiventy hira, amin'ny lokanga. Salamo nataon'i Asafa, tonon-kira. [2]Nampahafantatra ny tenany tao Joda Andriamanitra; lehibe ao Israely ny Anarany. Ao Salema ny lainy; ao Ziona ny toerana fonenany. [3]Tany Izy no nanapaka ireo zana-tsipìkan'ny tsipìka, ny ampinga, ny sabatra, ary ireo fitaovam-piadiana hafa. Sela
[4]Mamirapiratra ny fahazavanao ary manambara ny voninahitrao Iano, raha midina avy any amin'ireo tendrombohitra, tany amin'izay namonoanao ireo niharam-boinao. [5]Voababo ny mahery fo; ka renoka izy ireo. Tsy afa-nanoatra ny mpiady rehetra.
[6]Tamin'ny fitenenanao mafy, ry Andriamanitr'i Jakoba, dia samy renoky ny torimaso na mpitaingina na ny soavaly.
[7]Ianao, eny Ianao, no hatahorana; iza no afaka hitsangana eo imasonao rehefa tezitra Ianao?
[8]Avy any an-danitra no nampandrenensanao ny fitsaràna; natahotra sy nangina ny tany [9]raha iny Ianao, ry Andriamanitra, nitsangana hanatanteraka ny fitsaràna sy hanavotra izay nampahoriana rehetran'ny tany. Sela
[10]Hitondra fiderana ho Anao tokoa ny fitsaranao tezitra amin'ny olombelona; tazominao ho an'ny tenanao ny sisa amin'ny fahatezeranao.
[11]Manaova voady amin'i Yaveh Andriamanitrao ary tàno ireny. Hitondra fanomezana ho Azy izay hatahorana anie ireo rehetra izay manodidina Azy. [12]Manapaka ny fanahin'ireo andriana Izy; ary hatahoran'ireo mpanjakan'ny tany.

77 [1]Ho an'ny mpiventy hira; araka ny fomban'i Jedotona. Salamo nataon'i Asafa. Hiantso mafy an'Andriamanitra amin'ny feoko aho; Hiantso an'Andriamanitra amin'ny feoko aho, ary handre ahy ny Andriamanitro.
[2]Nitady ny Tompo aho tamin'ny androm-pahoriako; naninjitra ny tanako aho nony alina, ary tsy nety reraka ireo. Tsy nety nampiononina ny fanahiko. [3]Nieritreritra an'Andriamanitra teo am-pisentoana aho; rehefa niha antitra aho dia nieritreritra ny momba Azy. Sela
[4]Nihazona ny masoko hisokatra ianao; ory tanteraka aho raha hiteny. [5]Nieritreritra ireo andro fahiny aho, ireo fotoana maro lasa.
[6]Nandritra ny alina dia nahatsiaro ilay hira niraiko indray mandeha aho. Nandinika tsara aho ary niezaka nanakatra izay nitranga. [7]Handà ahy mandrakizay ve ny Tompo? Tsy hankasitraka ahy intsony ve Izy?
[8]Moa ve tsy efa lasa mandrakizay ny fitiavany mahatoky? Moa ve tsy efa foana mandrakizay ny fampanantenany? [9]Moa ve Andriamanitra efa nanadino ny maha mpamindra fo? Moa ve ny fahatezerany efa nanidy ny fangoraham-pony? Sela
[10]Hoy aho hoe: "Izao no alaheloko: dia ny fiovan'ny tanana ankavanan'ilay Avo Indrindra mankany amintsika."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Fa hotsaroako ireo asanao, ry Yaveh; hisaina ny amin'ireo asanao mahagaga fahiny aho. [12]Hisaintsaina ireo asanao rehetra aho ka handinika azy ireo.
[13]Ny lalanao, Andriamanitra o, no masina; andriamanitra inona moa no ampitahaina amin'Andriamanitray lehibe?
[14]Ianao ilay Andriamanitra izay manao fahagagana; efa naneho ny herinao teo amin'ireo olonao ianao. [15]Nanome fandresena ny vahoakanao tamin'ny alalan'ny herinao lehibe Ianao—dia ireo taranak'i Jakoba sy Josefa.
[16]Ny rano nahita anao, Andriamanitra o; nahita anao ny rano, ary dia raiki-tahotra; nihorohoro ny lalina. [17]Nandraraka ranon'orana ny rahona. Ny habakabaka feno rahona namoaka feo; Nifanaretsaka ny tsipìkanao.
[18]Ny feonao mikotroka dia re amin'ny rivotra; ny tselatra nanazava ny tany; nihorohoro sy nangozohozo ny tany.
[19]Nandalo tamin'ny ranomasina ny lalanao ary ny dianao tamin'ny rano manonja, saingy tsy tazana ny dian-tongotrao.
[20]Nitondra ny vahoakanao tahaka ny biby fiompy tamin'ny alalan'ny tanan'i Mosesy sy Arona Ianao.

78 [1]Maskila nataon'i Asafa. Mihainoa ny fampianarako, ry vahoakako, henoy ireo teny aloaky ny vavako. [2]Hanokatra ny vavako amin'ny fanoharana aho; hihira mahakasika ireo zava-miafina momba'ny lasa aho.
[3]Ireo dia zavatra efa henonay sy efa nianaranay, zavatra izay efa nolazain'ireo razambenay anay. [4]Tsy hanafina ireny amin'ny taranany izahay. Hilaza amin'ireo taranaka mandimby ireo asa mendri-piderana nataon'i Yaveh, ny heriny, ary ireo zava-mahagaga efa vitany izahay.
[5]Fa nametraka didim-panekena tamin'i Jakoba Izy, ary nanendry lalàna tany Israely. Nandidy ireo razambenay Izy mba hampianatra ireo amin'ireo zanany. [6]Nandidy izany Izy mba hahalalan'ireo taranaka handimby ireo didiny, dia ireo zanaka mbola tsy teraka akory, izay tokony hitory izany amin'ny zanak'izy ireo ihany.
[7]Ary hametraka ny fanantenany amin'Andriamanitra izy ireo ka tsy hanadino ireo asany, fa hitandrina ny didiny. [8]Ka dia tsy ho tahaka ireo razambeny, izay mafy hatoka sy taranaka mpikomy, taranaka izay tsy mba mahitsy fo, ary izay tsy nanolotra ny fanahiny sy nitoky tamin'Andriamanitra izy ireo.
[9]Ireo Efraimita dia nirongo tsipìka, kanefa nihemotra izy ireo tamin'ny andron'ny ady. [10]Tsy nitandrina ny fanekena tamin'Andriamanitra izy ireo, ary nandà ny hankatò ny lalàny. [11]Nanadino ireo asany, ireo zava-mahagaga izay efa nasehony azy izy ireo.
[12]Nanadino ireo zava-mahagaga izay nataony teo imason'ireo razambeny, tany amin'ny tany Egypta, tany amin'ny tanin'i Zoana izy ireo. [13]Nanasaraka ny ranomasina Izy ary nitondra azy ireo namakivaky izany; nataony nitsangana tahaka ny manda ny rano. [14]Rahona no nitarihany azy ireo nony andro, ary tamin'ny afo mazava nony alina.
[15]Namaky ireo vatolampy tany an'efitra Izy, ary nanome rano be dia be azy ireo, ampy hamenoana ny halalin'ny ranomasina. [16]Nampikoriana rano avy amin'ny vatolampy Izy ary nataony nikoriana tahaka ny renirano izany.
[17]Kinanjo mbola nanohy nanota taminy ihany izy ireo, fikomiana tamin'ilay Avo indrindra tany an'efitra. [18]Nihantsy an'Andriamanitra tamin'ny fony izy ireo, tamin'ny alalan'ny fangatahana sakafo mba hahavoky azy ireo.
[19]Niteny nanohitra an'Andriamanitra izy ireo; hoy izy ireo hoe: "Afaka mamelatra latabatra ho anay any an'efitra tokoa ve Andriamanitra? [20]Indro, raha namaky ny vatolampy Izy, dia niraraka ny rano ary nikoriana nandifotra. Nefa afaka manome mofo ihany koa ve Izy? Hamatsy hena ho an'ireo vahoakany ve Izy?"
[21]Rehefa ren'i Yaveh izany, dia tezitra Izy; ka dia nandoro an'i Jakoba ny afony, ary namely ny Israely ny hatezerany,
[22]satria izy ireo dia tsy nino an'Andriamanitra ary tsy natoky ny famonjeny.
[23]Kinanjo nandidy ny habakabaka ambony Izy ary nanokatra ny varavaran'ny lanitra. [24]Nandraraka mana toy ny ranon'orana mba hohanin'izy ireo Izy, ary nanome vary azy ireo avy any an-danitra. [25]Nihinana ny mofon'ireo anjely ny vahoaka. Nandefa sakafo be dia be ho azy ireo Izy.
[26]Nampitsoka ny rivotra avy any atsinana teny amin'ny habakabaka izy, ary tamin'ny alalan'ny heriny no nibaikony ny rivotra avy any atsimo. [27]Nandatsaka hena teo amin'izy ireo tahaka ny vovoka Izy, vorona maro tahaka ny fasi-dranomasina. [28]Ireo dia nilatsaka teo afovoan'ny tobin'izy ireo, nanodidina ireo lainy rehetra.
[29]Ary dia nihinana izy ireo ka voky. Nomeny azy ireo izay niriany mafy. [30]Saingy mbola tsy afa-po ihany izy ireo; ny haniny nefa mbola teny am-bavany.
[31]Ka dia namely azy ireo ny hatezeran'Andriamanitra ary namono ny matanjaka indrindra tamin'izy ireo. Nandavo ireo zatovolahin'Israely Izy. [32]Na dia teo aza izany, dia mbola nanota ihany izy ireo, ary tsy nino ireo asany mahatalanjona.
[33]Noho izany Andriamanitra nanafohy ny andronízy ireo; ary feno horohoro ny taonany. [34]Na oviana na oviana nampahorianÁndriamanitra izy ireo, dia nanomboka nikatsaka Azy, ary niverina nitady Azy fatratra.
[35]Ho tsaroan'izy ireo fa Andriamanitra no vatolampin'izy ireo ary ilay Andriamanitra Avo Indrindra no mpamonjy azy.
[36]Kanefa hanao teny malefaka Aminy izy ireo ary handainga Aminy amin'ny tenin'izy ireo. [37]Satria ny fon'izy ireo dia tsy mbola nifikitra tanteraka taminy, ary izy ireo dia tsy nahatoky ny fanekeny.
[38]Fa Izy kosa, amin'ny maha mpamindra fo, dia namela ny helok'izy ireo ary tsy namotika azy ireo. Eny, matetika Izy no mihazona ny hatezerany, ary tsy nanetsika ny fahavinirany rehetra.
[39]Tsaroany fa izy ireo dia vita tamin'ny nofo, rivotra mandalo ary tsy miverina intsony. [40]Impiry moa izy ireo no nikomy hanohitra Azy tany an'efitra ary nampalahelo Azy tany amin'ny tany ngazana! [41]Nihantsy an'i Yaveh hatrany hantrany ka nanafitohina ilay Masin'Israely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[42]Izy ireo tsy mba nisaina ny amin'ny heriny, izay nanavotany azy ireo tamin'ny fahavalony [43]raha nanatanteraka ireo famantarany mampihorohoro tany Egypta sy ireo fahagagany tany amin'ny faritanin'i Zoana Izy.
[44]Navadiny ho rà ny onin'i Egypta mba tsy hahafahan'izy ireo misotro eo amin'ny reniranony. [45]Nandefa andian-dalitra izay nandevona azy ireo Izy ary sahona izay niely tamin'ny tanin'izy ireo. [46]Nomeny ny sompanga ny fambolen'izy ireo ary ny asany nomeny ny valala.
[47]Nopotehiny tamin'ny havandra ny voalobok'izy ireo ary ny amontany tamin'ny havandra maro. [48]Nandraraka havandra tamin'ny biby fiompin'izy ireo sy varatra tamin'ny ondry aman'osiny Izy. [49]Nikapoka azy ireo ny firehetan'ny fahatezerany. Nandefa fahavinirana, hatezerana, ary fahoriana tahaka ny singa mitondra loza Izy.
[50]Nanamarina ny lalana ho an'ny fahatezerany Izy; tsy niaro azy ireo tamin'ny fahafatesana Izy; fa kosa nanolotra azy ireo teo amin'ny areti-mandringana. [51]Namono ny lahimatoa rehetra tao Egypta Izy, ny voalohan-teraky ny herin'izy ireo tao an-dain'i Hama.
[52]Nitondra ny olony nivoaka tahaka ny ondry Izy ary nitarika azy ireo tany an'efitra tahaka ny andian'ondry. [53]Nentiny am-pilaminana izy ireo ka tsy natahotra, fa ny ranomasina nandifotra ireo fahavalony.
[54]Ary nitondra azy ireo tany amoron'ny tany masina Izy, tamin'izany tendrombohitra izay azon'ny tanany ankavanana izany. [55]Nandroaka ireo firenena teo anoloan'izy ireo Izy ary nanendry ireny ho lovany. Nametraka ireo fokon'Israely tao an-dain'izy ireo Izy.
[56]Nefa niantsy sy nandà ilay Andriamanitra Avo Indrindra izy ireo ary tsy nitandrina ireo didy masiny. [57]Tsy nahatoky izy ireo ary nivadika tahaka ireo razany; nania tahaka ny tsipìka manjiona izy ireo.
[58]Satria izy ireo nampatezitra Azy tamin'ny fitoerana avon'izy ireo ary nihantsy ny hasarotam-piarony tamin'ireo sampy.
[59]Rehefa nahare izany Andriamanitra, dia tezitra sy nandà tanteraka an'Israely.
[60]Nandao ny fitoerana masina tao Silo Izy, ilay lay izay nitoerany teo amin'ireo vahoaka. [61]Namela ny tanjany ho babo Izy, ary nanome ny voninahiny ho eo an-tanan'ny fahavalo.
[62]Nanolotra ny olony ho amin'ny sabatra Izy, ary tezitra tamin'ny lovany. [63]Ny afo nandevona ireo zatovolahiny, ary ireo zatovovaviny tsy mba nanana hira fampakarana.
[64]Lavon'ny sabatra ireo mpisorony, ary tsy naha-tomany ireo mpitondratenan'izy ireo. [65]Avy eo dia nifoha tahaka ny avy natory ny Tompo, tahaka ny mpiady miantsoantso nohon'ny divay. [66]Dia nandroaka ireo fahavalony Izy; ary nametraka azy ireo ho amin'ny henatra mandrakizay.
[67]Nolaviny ny lain'i Josefa, ary tsy nisafidy ny fokon'i Efraima Izy. [68]Ny fokon'i Joda sy ny tendrombohitra Ziona tiany no nosafidiany. [69]Nanorina ny fitoerany masina tahaka ny lanitra izy, ary tahaka ny tany izay efa naoriny mandrakizay.
[70]Nisafidy an'i Davida, mpanompony Izy, ary naka azy avy tany am-balan'ondry. [71]Naka azy avy tamin'ny fanarahana ireo ondry vavy mbamin'ny zanany Izy, ary nitondra azy ho mpiandry an'i Jakoba, vahoakany, sy an'Israely, lovany. [72]Niandry azy ireo tamin'ny fahitsian'ny fony i Davida, ary nitondra azy ireo tamin'ny fahaizan'ny tanany.

79 Salamo nataon'i Asafa. [1]Andriamanitra o, firenen-kafa no efa tonga eo amin'ny lovanao; efa voaloton'izy ireo ny tempolinao masina; efa nanao an' i Jerosalema ho antontam-pandravana izy ireo. [2]Efa nanome ireo fatin'ny mpanomponao ho sakafon'ny voron'ny habakabaka izy ireo, ny vatan'ireo olonao matoky ho an'ny bibin'ny tany. [3]Efa nalatsak'izy ireo toy ny rano manodidina an'i Jerosalema ny ràn'izy ireo, ary tsy nisy olona mba handevina azy ireo.
[4]Tonga fahafaham-baraka ho an'ireo namanay izahay, eso sy fihomehezana ho an'ireo izay manodidina anay. [5]Mandra-pahoviana, ry Yaveh? Hijanona ho tezitra aminay mandrakizay ve Ianao? Mandra-paha rahoviana ny hatezeranao saro-piaro no handoro tahaka ny afo?
[6]Arotsahy amin'ireo firenena izay tsy mahalala anao sy amin'ireo fanjakana tsy manao ny fiantsoana amin'ny anaranao ny fahatezeranao. [7]Fa efa nandevona an'i Jakoba sy nandrava ny tanànany izy ireo.
[8]Aza mihazona ny fahotan'ireo razambenay hanohitra anay; aoka ny asan'ny famindram-ponao no ho tonga aminay, fa tena osa izahay. [9]Ampio izahay, ry Andriamanitry ny famonjenay, noho ny amin'ny voninahitry ny anaranao; vonjeo izahay ary mamelà ny helokay noho ny amin'ny anaranao.
[10]Nahoana ireo firenena no tokony hiteny hoe: "Aiza ny Andriamanitr'izy ireo?" Aoka ny ràn'ny mpanomponao izay nalatsaka no hamaly faty ireo firenena eo anatrehan'ny masonao. [11]Aoka ny fisenton'ireo gadra no ho tonga eo anoloanao; amin'ny fahalehibeazan'ny fahefanao no hihazonana ireo zanaky ny fahafatesana ho velona.
[12]Valio impito heny eo am-pofoan'ireo firenena akaiky anay mihoatra ny faniratsirana izay efa naniratsirany Anao, ry Tompo. [13]Fa izahay olonao sy ondry fiandrinao dia hanatitra fisaorana Anao mandrakizay. Hanambara fiderana Anao izahay amin'ireo taranaka rehetra.

80 Ho an'ny mpiventy hira, natao tamin'ny fomban'i Al-shoshanim-edoth. Salamo nataon'i Asafa. [1]Mihainoa, ry mpiandry ny Israely, Ianao izay mitarika an'i Josefa ho toy ny andian'ondry; Ianao izay mipetraka eo ambonin'ny Kerobima, mamirapirata eo aminay! [2]Eo imason'i Efraima sy Benjamina ary Manase, ampiharo ny fahefanao; tongava ka vonjeo izahay. [3]Andriamanitra o, ampodio izahay; ampamirapirato aminay ny tavanao, dia ho voavonjy izahay.
[4]Ry Yaveh Andriamanitra tompon'ny maro, mandra-pahoviana Ianao no ho tezitra amin'ny olonao raha mivavaka izy ireo? [5]Ianao efa namahana azy ireo tamin'ny mofon-dranomaso ary nanome azy ireo ranomaso be dia be hosotroiny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Manao anay ho zavatra hifandirana ho an'ny namanay aminay Ianao, ary ny fahavalonay mihomehy ny momba anay eo amin'izy ireo.
[7]Ry Andriamanitra tompon'ny maro o, ampodio izahay; ampamirapirato aminay ny tavanao, dia ho voavonjy izahay.
[8]Ianao nitondra voaloboka avy any Egypta; ka nandroaka ireo firenena sy namboly izany.
[9]Nanadio ny tany ho amin'izany Ianao; nitombo faka izany ka nameno ny tany. [10]Ireo tendrombohitra dia voarakotry ny alokalony, ireo Sederan'Andriamanitra alofan'ny sampany.[11]Naparitany hatrany amin'ny ranomasina ireo sampany ary ny sakeliny tamin'ny Ony Efroata.
[12]Nahoana no noravanao ny mandany mba hiotazan'ireo mandalo rehetra ny voany. [13]Ireo lambo avy any an'ala manimba izany, ary ny bibin'ny saha mihinana izany.
[14]Miverena, ry Andriamanitry tompon'ny maro; tsinjovy avy eny an-danitra ka hevero sy karakarao ity voaloboka ity. [15]Ity no faka izay novolen'ny tananao ankavanana, ny sampany izay nampanirinao. [16]Nodorana izany ary voakapa; maty nohon'ny fibedesanao izy ireo.
[17]Ny tananao anie ho eo amin'ny olon'ny tananao ankavanana, ho eo amin'ny zanaky ny olona izay nampaherezinao ho Anao. [18]Dia tsy hiala Aminao izahay; velomy indray izahay, dia hiantso ny anaranao.
[19]Ry Yaveh Andriamanitra tompon'ny maro, ampodio izahay, ampamirapirato aminay ny tavanao, dia ho voavonjy izahay.

81 Ho an'ny mpiventy hira; atao amin'ny fomba Gitita. Salamo nataon'i Asafa. [1]Mihirà mafy ho an'Andriamanitra herintsika; miantsoa mafy amin'ny hafaliana ho an'ilay Anandriamanitr'i Jakoba. [2]Venteso ny hira ary velezo ny mpongatapaka, ny lokanga mahafinaritra mbamin'ny valiha. [3]Tsofy ny tandrok'anjomara amin'ny andron'ny volana vaovao, amin'ny andron'ny volana fenomanana, rehefa miantomboka ny andro firavoravoantsika.
[4]Fa lalàna ho an'Israely izany, didy nomen'Andriamanitr'i Jakoba. [5]Navoakany ho fitsipika ao amin'i Josefa izany rehefa nandeha nanohitra ny tany Egypta izy, rehefa nandrenesako feo izay tsy fatatro:
[6]Nesoriko ny enta-mavesatra teo an-tsorony, afaka tamin'ny fihazonana sobika ny tanany. [7]Niantso mafy tao anatin'ny alahelonao ianao, dia namonjy anao Aho; namaly anao tamin'ny kotro-drahona maizina Aho. Nitsapa anao tao amin'ny ranon'i Meriba Aho. Sela
[8]Mihainoa, ry vahoakako, fa hampitandrina anareo aho, ry Israely, raha mba nihaino Ahy mantsy ianareo! [9]Tsy tokony hisy andriamani-kafa eo aminareo; tsy mahazo manompo andriamani-kafa ianareo. [10]Izaho no Yaveh Andriamanitrareo, izay nitondra anareo niala avy tany amin'ny tany Egypta. Sokafy midanadana ny vavanareo, dia hameno izany Aho.
[11]Saingy tsy nihaino ny teniko ny oloko, tsy nankatò Ahy ny Israely. [12]Koa dia natolotro teo amin'ny hamafisan-dohan'izy ireo ihany izy ireo mba hahafahany manao izay hitany fa mety aminy.
[13]Indrisy, raha mba mihaino ahy ny oloko; indrisy, raha mba andeha tamin'ny lalako ny oloko. [14]Dia haringako faingana ny fahavalon'izy ireo ary ahinjitro hanohitra ny mpampahory azy ireo ny tanako.
[15]Enga anie ireo izay manakahala an'i Yaveh hiankohoka amin-tahotra eo anatrehany! [16]Ho menatra mandrakizay anie izy ireo. Ho fahanako vary tsara indrindra ny Israely; homeko fahafaham-po amin'ny tantely avy amin'ny vatolampy ianareo."

82 Salamo nataon'i Asafa. [1]Andriamanitra dia ao amin'ny fiangonana masina; eo afovoan'ireo andriamanitra izay omeny fitsarana. [2]Mandra-pahoviana no hitsaranareo tsy ara-drariny sy haneho fiangarana amin'ny ratsy fanahy? Sela
[3]Arovy ny mahantra sy ny kamboty; omeo rariny ny ory sy ny malahelo. [4]Vonjeo ny mahantra sy ny ory; afaho amin'ny tanan'ny ratsy fanahy izy ireny.
[5]Tsy nahalala na nahatakatra akory izy ireo; nirenireny tao anaty aizina izy ireo; nirodana avokoa ireo fiorenan'ny tany rehetra."
[6]Hoy aho hoe: "Ianareo no andrimanitra, ary ianareo rehetra dia zanaky ny Avo Indrindra. [7]Na izany aza dia ho faty tahaka ny olona sy ho lavo tahaka ny iray amin'ireo andriana ihany ianareo."
[8]Mitsangàna, Andriamanitra o, tsarao ny tany, fa manana lova amin'ny firenena rehetra Ianao.

83 Tonon-kira. Salamo nataon'i Asafa. [1]Andriamanitra o, aza mangina! Aza manao tsinontsinona anay ary mitoera fa aza mamitsaka, Andriamanitra o. [2]Indro, manao fikomiana ireo fahavalonao, ary ireo izay mankahala anao dia efa nampitraka ny lohany.
[3]Mitetika hanohitra ny olonao izy ireo ary niara-nikasa ny hanohitra ireo voaaronao. [4]Efa niteny izy ireo hoe: "Avia, ary andeha isika hamotika azy ireo toy ny firenena iray. Ary dia tsy ho tsaroana intsony ny anaran'Israely." [5]Dia niara nitetika paik'ady iray izy ireo; ka nikambana hanohitra Anao.
[6]Isan'izany ireo lain'i Edoma sy ny Ismaelita, ary ny vahoakan'i Moaba sy ireo Hagrita, izay niara-niteti-dratsy tamin'i
[7]Gebala, Amona, Amaleka; ary isan'izany koa Filistia sy ireo mponin'ny Tyro.
[8]Nikambana tamin'izy ireo ihany koa Asyria; manampy ny taranak'i Lota izy ireo. Sela

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Ataovy amin'izy ireo tahaka ny nataonao tamin'i Mediana, ary tahaka ny nantaonao tamin'i Sisera sy tamin'i Jabina tao amin'ny ony Kisona. [10]Maty tany En-doro izy ireo ary lasa tahaka ny zezika ho an'ny tany.
[11]Ataovy tahaka an'i Oreba sy Zeba ny mpanapak'izy ireo, ary tahaka an'i Zeba sy Zalmona ny andrian'izy ireo rehetra.
[12]Hoy izy ireo hoe: "Andeha alaintsika ho antsika ny tany fihinanam-bilon'Andriamanitra."
[13]Andriamanitro o, ataovy tahaka ny tadio, tahaka ny akofa eo anoloan'ny rivotra, [14]tahaka ny afo izay mandoro ny ala, ary tahaka ny lelan'afo izay mampirehitra ireo tendrombohitra izy ireo. [15]Hazao amin'ny rivo-maherinao izy ireo, ary ampihorohoroy amin'ny tafio-drivotrao.
[16]Fenoy henatra ny tavan'izy ireo mba hitadiavany ny anaranao, ry Yaveh. [17]Ho menatra sy hangorohoro mandrakizay anie izy ireo; ary ho faty anaty fahafaham-baraka.
[18]Ary dia ho fantatr'izy ireo fa Ianao irery ihany, ry Yaveh, no ilay Avo Indrindra manerana ny tany rehetra.

84 Ho an'ny mpiventy hira; atao amin'ny fomba Gitita. Salamo nataon'ireo zanaka lahin'i Kora. [1]Endrey ny hakanton'ny toerana izay hitoeranao, ry Yaveh tompon'ny maro! [2]Maniry fatratra ny kianjan'i Yaveh aho, efa nahareraka ahy ny faniriko izany. Ny foko sy ny momba ahy rehetra miantso mafy an'Andriamanitra velona.
[3]Na ny fody aza efa nahita fonenana ho azy ary ny tsikirity nahita akany ho an'ny tenany mba hametrahany ny zanany eo akaikin'ireo alitaranao, ry Yaveh tompon'ny maro, mpanjakako, sy Andrimanitro. [4]Ho tahiana ireo izay mitoetra ao an-tranonao; ary hidera Anao hatrany izy ireo. Sela
[5]Hotahiana anie ny olona izay mahery ao aminao, izay manana ny lalanam-be miakatra mankany Ziona ao am-pony.
[6]Hahita loharano ho sotroina izy ireo, eny am-pamakivakiana ny Lohasahan-dRanomaso. Ny loha-orana handrako-pitahiana izany. [1]
[7]Avy miha-mahery am-pandehanana izy ireo; ny tsirairay amin'izy rehetra dia miseho eo anatrehan'Andriamanitra any Ziona. [8]Yaveh Andriamanitra tompon'ny maro o, mandrenesa ny fivavako; ry Andriamanitr'i Jakoba o, henoy izay lazaiko! Sela [9]Andriamanitra o, ambeno ny ampinganay; manehoa fiahiana ho an'ny voahosotrao. [10]Fa ny andro iray ao an-kianajanao dia lehibe mihoatra ny arivo any an-kafa. Aleoko miandry ny varavaran'ny tranon'Andriamanitro, toy izay mitoetra ao an-dain'ny faharatsiana.
[11]Fa Yaveh Andriamanitra no masoandro sy ampinga ho anay; hanome fahasoavana sy voninahitra Yaveh; tsy hihazona zavatra tsara avy amin'ireo izay mandeha amin'ny mahitsy izy. [12]Ry Yaveh tompon'ny maro o, sambatra ny olona izay mahatoky anao.

---

[1]Fanamarihana: ny dika-teny sasany misy hoe: "misy dobon-drano".

---

85 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'ireo zanaka lahin'i Kora. [1]Yaveh o, efa naneho sitraka tamin'ny taninao Ianao; efa naverinao tamin'ny laoniny ny fifalian'i Jakoba. [2]Efa navelanao ny heloky ny olonao; efa nosaronanao ny otan'izy ireo rehetra. Sela
[3]Efa nanala ny fahaviniranao Ianao; efa niala tamin'ny hatezerana mahamay ianao. [4]Ampodio izahay, ry Andriamanitry ny famonjena anay, ary aoka hiala aminay ny tsy fahafalianao. Ho tezitra aminay mandrakizay ve Ianao? [5]Hitoetra ho tezitra manerana ireo taranaka mandimby ho avy ve Ianao?
[6]Tsy hamelona anay indray ve Ianao? Dia hifaly ao aminao ny vahoakanao. [7]Asehoy anay ny famindram-ponao, ry Yaveh, tanteraho aminay ny famonjenao.
[8]Hihaino izay lazain'i Yaveh Andriamanitra aho, fa Izy hihavana amin'ny olony, sy ireo mpanara-dià mahatokiny. Ary tsy hiverina amin'ny lalan'ny fahadalàna indray izy ireo. [9]Ny famonjeny dia azo antoka fa eo akaikin'ireo izay matahotra Azy; ary hitoetra amin'ny taninay ny voninahitra.
[10]Nihaona ny fifanekena mahatoky sy faha mendreham-pitokisana; efa nifanoroka ny fahamarinana sy fiadanana.
[11]Miboiboika avy amin'ny tany ny fahamendreham-pitokisana, ary fahamarinana mitazana avy eny amin'ny lanitra.
[12]Eny, Yaveh hanome ireo fitahiany tsara, ary hamokatra ny taninay. [13]Ny fahamarinana handeha eo anoloany, sady hanao lalana ho an'ny diany.

86 Vavaka nataon'i Davida. [1]Mihainoa, ry Yaveh, ary mamalia ahy, fa mahantra sy mijaly aho. [2]Arovy aho, fa tsy mpivadika; ry Andriamanitro, vonjeo ny mpanomponao izay mitoky aminao.
[3]Mamindrà fo amiko, ry Tompo, fa mitomany mafy aminao amin'ny andro lava rehetra aho. [4]Ampifalio ny mpanomponao, fa aminao no hivavahako, ry Tompo.
[5]Tsara, Ianao, ry Tompo, ary vonona hamela heloka, ary mampiseho famindram-po lehibe ho an'ireo izay mitaraina aminao Ianao. [6]Ry Yaveh, mihainoa ny fivavako; Mandrenesa ny feon'ny fangatahako. [7]Miantso Anao aho tamin'ny androm-pahoriako, dia hamaly ahy ianao.
[8]Tsy misy na iray aza azo ampitahaina Aminao amin'ireo andriamanitra, ry Tompo. Tsy misy asa tahaka ireo asanao. [9]Ny firenena rehetra izay efa namboarinao dia ho tonga hiankohoka eo anatrehanao, ry Tompo. Dia hanome voninahitra ny anaranao izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Fa lehibe Ianao ary manao zavatra mahatalanjona; Ianao irery no Andriamanitra. [11]Ampianaro ahy ireo lalanao, ry Yaveh. Dia handeha amin'ny fahamarinanao aho. Ampiraiso ny foko mba hanehoako fanajana aminao. [12]Ry Tompo Andriamanitro o, hidera anao amin'ny foko manontolo aho; hanome voninahitra ny anaranao mandrakizay aho.
[13]Fa lehibe ny famindram-ponao amiko; efa namonjy ny aiko tamin'ny halalin'ny Fiainan-tsy hita Ianao. [14]Andriamanitra o, efa nitsangana hanohitra ahy ny mpiavonavona. Ny andian'olona mahery setra mifofo ny aiko. Tsy mba mihevitra Anao izy ireo.
[15]Fa Ianao, ry Tompo, Andriamanitra mpamindra fo sy be fahasoavana, mahari-po sady be famindram-po sy mendrim-pitokisana. [16]Itodiho aho ary manàna indra-fo amiko; omeo ny herinao ny mpanomponao; vonjeo ny zanaka lahin'ny ny mpanompovavinao. [17]Anehoy famantarana ny sitrakao aho. Ireo izay mankahala ahy dia hahita izany ary ho menatra satria Ianao, ry Yaveh, efa nanampy ahy sy nampionona ahy.

87 Salamo nataon'ireo zanaka lahin'i kora; tonon-kira. [1]Eny an-tendrombohitra masina no mitsangana ny tanàna izay naoriny; [2]Tian'i Yaveh ny vavahadin'i Ziona mihoatra ny lain'i Jakoba rehetra. [3]Ambara aminao ny zava-mahagaga, ry tanànan'Andriamanitra. Sela
[4]Tononiko amin'ireo mpanara-dia ahy Rahaba sy Babylona. Indro, indreto Filistia, sy Tyro, mbamin'i Etiopia— ka hanao hoe: 'Teraka tany ilay ity."'
[5]Ny amin'i Ziona dia ho lazaina hoe: "Ny tsirairay tamin'izy ireo dia naterany; ary ny Avo indrindra mihitsy no hanorina azy." [6]Soratan'i Yaveh ao amin'ny bokin'ny fanisan'ny firenena hoe: "Teraka tany ilay ity." Sela
[7]Koa ireo mpihira sy mpandihy hiara-hilaza hoe: "Ao aminao ny loharanoko rehetra."

88 Tonon-kira, salamo nataon'ireo zanaka lahin'i Kora; Ho an'ny mpiventy hira; atao amin'ny fomba Mahalata Leanota. Maskila nataon'i Hemana Ezraita. [1]Ry Yaveh, Andriamanitry ny famonjena ahy, hitomany mafy eo anatrehanao andro aman'alina aho. [2]Mihainoa ny fivavako; henoy ny fitarainako.
[3]Fa feno fahorianana aho, fa nahatratra ny Fiainan-tsy hita ny aiko. [4]Ny olona mihevitra ahy toy ireo izay midina any an-davaka; lehilahy tsy mba manan-kery aho.
[5]Navela niaraka tamin'ireo maty aho; izaho dia toy ny maty ao am-pasana, momban'izay tsy nirarahianao intsony satria nesorina niala tamin'ny herinao izy ireo. [6]Napetrakao tany amin'ny farany ambanin'ny lavaka, ao amin'ny aizina sy toerana lalina aho.
[7]Mavesatra amiko ny fahatezeranao, ary mianjera eto amiko ny onjanao rehetra. Sela
[8]Noho Ianao, dia mandositra ahy ireo akaiky ahy. Efa nataonao fijery manafitohina azy ireo aho. Voafandrika aho ary tsy afaka hitsoaka.
[9]Mihareraky ny fahoriana ny masoko; hiantso Anao amin'ny andro lava rehetra aho, ry Yaveh, velariko ho anao ny tanako. [10]Hanao zava-mahagaga ho an'ny maty ve Ianao? Ireo izay efa maty ve hitsangana ary hidera Anao? Sela
[11]Hambara ao am-pasana ve ny famindram-ponao, ary ny tsy fivadihanao any amin'ny toeran'ny maty? [12]Ho fantatra any amin'ny aizina ve ireo asa mahagaganao, na ny fahamarinanao any amin'ny toeran'ny fanadinoana?
[13]Fa mitomany aminao aho, ry Yaveh; ho tonga eo anatrehanao ny fivavako nony maraina. [14]Ry Yaveh, nahoana aho no lavinao? Nahoana no afeninao amiko ny tavanao?
[15]Efa nampahoriana foana aho ary saika tamin'ny fahafatesana ny fahatanorako. Nampijalian'ny horohoronao aho; dia mamoy fo. [16]Efa nandalo teo amiko ny fihetsika nentin-katezerana. Ary efa nandringana ahy ireo asa mampihorohoronao.
[17]Nandifotra ahy toy ny rano amin'ny andro lava rehetra izy ireo; efa nanodidina ahy avokoa izy ireo. [18]Efa nalavirinao tamiko ny sakaiza sy ny akaiky ahy rehetra. Ary ny fahamaizinana ihany no hany akaiky ahy.

89 Maskilan'i Etana Ezraita. [1]Hihira ho an'ny asan'ny fanekena mahatokin'i Yaveh mandrakizay aho. Hanambara ny fahamarinanao amin'ireo taranaka ho avy aho. [2]Fa izaho efa nilaza hoe: "Efa napetraka mandrakizay ny fanekena mahatoky; efa napetrakao any an-danitra ny fahamarinanao."
[3]Efa nanao fifanekena tamin'ilay voafidiko Aho, efa nanao fianianana tamin'i Davida mpanompoko Aho. [4]Hampitoetra mandrakizay ny taranakao Aho, ary hampitoetra ny seza fiandriananao manerana ny taranaka rehetra." Sela
[5]Midera ireo fahagaganao ny lanitra, ry Yaveh; deraina ao amin'ny fiangonan'ilay masina ny fahamarinanao. [6]Fa iza eny an-danitra no azo ampitahaina amin'i Yaveh? Iza tamin'ireo zanaka lahin'ireo andriamanitra no mitovy amin'i Yaveh?
[7]Izy dia Andriamanitra izay nomena voninahitra lehibe tao amin'ny filan-kevitr'ilay masina ary nahatalanjona ny rehetra nanodidina Azy. [8]Ry Yaveh Andriamanitra Tompon'ny maro, iza no mahery toa anao, ry Yaveh? Mandrakotra anao ny fahamarinanao.
[9]Mifehy ny ranomasina mahery Ianao; rehefa manonja ireo, dia mampitony Ianao. [10]Notorotoroinao toy ny olona novonoina i Rahaba. Nahelinao tamin'ny sandrinao mahery ireo fahavalonao.
[11]Anao ny lanitra, ary ny tany ihany koa. Nahary izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy Ianao. [12]Namorona ny atsimo sy avaratra Ianao. Mifaly amin'ny anaranao i Tabara sy Hermona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Manana sandry mahery sy tanana mafy Ianao, ary avo ny tananao ankavanana. [14]Ny fahamarinana sy fitsaràna no fanambanin'ny seza fiandriananao. Tonga eo anatrehanao ny fanekena mahatoky sy fahamendreham-pitokiana.
[15]Samabatra ny olona izay manompo Anao! Yaveh o, mandeha amin'ny fahazavan'ny tavanao izy ireo. [16]Mifaly amin'ny anaranao mandrakariva izy ireo, ary amin'ny fahamarinanao no hanandratany Anao.
[17]Ianao no voninahitry ny herin'izy ireo, ary mpandresy amin'ny fankasitrahanao izahay. [18]Fa an'i Yaveh ny apiganay; ny mpanjakanay dia an'Ilay Masin'Israely.
[19]Tany aloha dia niteny tamin'ilay mahatokinao tanaty fahitana Ianao; hoy Ianao hoe: "Efa nametraka satro-boninahitra teo amin'ilay mahery Aho; efa nanandratra voasafidy iray tamin'ireo vahoaka aho. [20]Nisafidy an'i Davida mpanompoko Aho; tamin'ny diloiloko masina no nanosorako azy. [21]Hanohana azy ny tanako; hampahery azy ny sandriko. [22]Tsy misy fahavalo hamitaka azy; tsy misy zanaka lahin'ny ratsy fanahy hampahory azy. [23]Ho torotoroiko eo anoloany ireo fahavalony; ho vonoiko ireo izay mankahala azy.
[24]Ny fahamarinako sy ny fanekeko mahatoky no homba azy; ho mpandresy amin'ny anarako izy. [25]Hapetrako eo ambonin'ny ranomasina ny tanany ary ny tanany ankavanana eo ambonin'ireo ony. [26]Hiantso Ahy izy hoe: 'Ianao no Raiko, ry Andriamanitro, ary vatolampin'ny famonjena ahy.'
[27]Izaho ihany koa hametraka azy ho toy ny zanako lahimatoa, ilay ambony indrindra amin'ireo mpanjakan'ny tany.
[28]Hanitatra ny fanekena mahatokiko aminy mandrakizay Aho; ary ny fifanekeko aminy dia ho voaaro. [29]Hampaharitra ireo taranany mandrakizay Aho ary ny seza fiandrianany haharitra tahaka ny habakabaka eny ambony.
[30]Raha mahafoy sy tsy mankatò ireo lalàko ny zanany, [31]raha mandika ny fitsipiko ary tsy mitandrina ireo filalako izy ireo,
[32]dia hanafay ny fikomian'izy ireo amin'ny tsorakazo Aho ary ny helony amin'ny tsoka.
[33]Fa tsy hanaisotra aminy ny fitiavako tsy miova na hivadika amin'ny fampanantenako Aho. [34]Tsy handika ny fanekeko na hanova ireo tenin'ny molotro Aho.
[35]Efa nianiana tamin'ny fahamasinako indray mandeha Aho— tsy handainga amin'i Davida Aho: [36]Ireo taranany dia hitohy mandrakizay ary ny seza fiandrianany dia haharitra toy ny masoandro eo anoloako. [37]Izany dia hipetraka mandrakizay toy ny volana, ilay vavolombelona mahatoky eny an-danitra." Sela.
[38]Saingy Ianao tsy nanaiky sy nandà; tezitra tamin'ilay mpanjakanao voahosotra. [39]Efa niala tamin'ny faneken'ny mpanomponao Ianao. Efa nanimbazimba ny satro-boninahiny tamin'ny tany Ianao. [40]Efa narodanao ireo rindriny rehetra. Efa noravainao ny fiarovana mafiny.
[41]Izay rehetra nandalo dia efa nandroba azy. [42]Efa lasa fitaovana maharikoriko amin'ireo namany izy. Nanandratra ny tanana ankavanan'ireo fahavalony Ianao; nampifalianao ireo fahavalony rehetra. [43]Navadikao ny lelan-tsabany ka tsy nampijoro azy raha hiady.
[44]Nofarananao ny famirapiratany; nampidininao tamin'ny tany ny seza fiandrianany. [45]Nafohezinao ny andron'ny fahatanorany. Norakofanao henatra izy. Sela
[46]Hafiriana, ry Yaveh? Hanafina ny tenanao mandrakizay ve Ianao? Mandra-pahoviana no hirehitra toy ny afo ny hatezerenao? [47]Oh, saino ny momban'ny androko fohy, sy ny namoronanao ny zanak'olombelona rehetra ho fatifaty foana! [48]Iza no afaka hiaina ka tsy ho faty, na hanavotra ny ainy manokana eny an-tanan'ny Fiainan-tsy hita? Sela
[49]Ry Tompo, aiza ireo asan'ny fanekena mahatokinao taloha izay nianianan'i Davida tamin'ny fahamarinanao? [50]Tsarovy, ry Tompo, ny fanesoana natao tamin'ireo mpanomponao ary ny fomba nizakan'ny foko ireo teny ratsy maro avy amin'ireo firenena. [51]Nihiaka teny ratsy ireo fahavalonao, ry Yaveh; nohesoin'izy ireo ny dian-tongotr'ilay voahosotrao.
[52]Ho deraina mandrakizay anie Yaveh. Amena, Amena. Boky faha efatra.

90

Vavak'i Mosesy lehilahin' Andriamanitra. [1]Tompo o, efa fialofanay manerana ireo taranaka rehetra Ianao. [2]Talohan'ny nisian'ny tendrombohitra, ary nahary ny tany sy izao tontolo izao Ianao, rahatrizay ka ho mandrakizay, Ianao no Andriamanitra.
[3]Nampody ho vovoka ny olona Ianao, ka hoy Ianao hoe: "Miverena, ianao ry taranak'olombelona." [4]Fa ny arivo taona eo imasonao dia toy ny omaly rehefa lasa, ary fotoana toy ny fiambenana amin'ny alina.
[5]Fafanao tahaka ny amin'ny riaka izy ireo dia natory; amin'ny maraina dia toy ny ahitra mitsiry izy ireo. [6]Amin'ny maraina dia mamony izany ary maniry; amin'ny hariva dia malazo izany ary maina.
[7]Marina tokoa, fa levona amin'ny hatezeranao izahay, ary amin'ny fahaviniranao no maha-raiki-tahotra anay. [8]Efa nametraka ny helokay teo anoloanao Ianao, ireo fahotanay miafina teo amin'ny fahazavan'ny fanatrehanao.
[9]Ny fiainanay dia dify ao ambany fahatezeranao; ny fiainanay dia mandalo faingana toy ny sento. [10]Fitopolo, na valopolo taona izahay raha salama; kanefa ny taonanay tsara indrindra aza dia voamariky ny fahoriana sy alahelo. Eny, mandalo faingana izany, dia manidina izahay.
[11]Iza no mahalala ny hamafin'ny hatezeranao, sy ny fahaviniranaao izay mitovy amin'ny fahatahorana Anao? [12]Koa ampianaro izahay mba handinika ny fiainanay mba hahafahanay miaina am-pahendrena. [13]Miverena, ry Yaveh! Mandra-pahoviana izao? mamindrà fo amin'ireo mpanomponao.
[14]Omeo fahafaham-po amin'ny famindram-ponao izahay amin'ny maraina mba hiravoravoanay ka ho faly amin'ireo andronay rehetra. [15]Ampifalio izahay arakarak'ireo andro nampahorianao anay sy ireo taona izay niainanay fahoriana.
[16]Aoka ireo mpanomponao hahita ny asanao, ary aoka ireo zanakao hahita ny voninahitrao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Ny sitraky ny Tompo Andriamanitray anie ho aminay; ambino ny asan'ny tananay; ambino tokoa re ny asan'ny tananay.

91 [1]Ilay mitoetra eo ambany fialofan'ilay Avo Indrindra dia hitoetra ao amin'ny alok'ilay Tsitoha. [2]Hilaza ny amin'i Yaveh aho hoe: "Izy no fialofako sy fiarovako mafy, Andriamanitro, Izay hitokiako."
[3]Fa Izy no hamonjy anao amin'ny fandriky ny mpihaza sy amin'ny areti-mandoza mahafaty. [4]Handrakotra anao amin'ireo elany Izy, ary ao ambany elany no hahitanao fialofana. Ny fahamendreham-pahatokiany dia ampinga sy fiarovana.
[5]Tsy hatahotra ny horohoron'ny alina ianao, na ny tsipìka izay manidina amin'ny andro, [6]na ny loza izay mirenireny amin'ny maizina, na ny aretina izay tonga amin'ny mitataovovonana. [7]Arivo no mety ho lavo eo anilanao ary iray alina eo amin'ny tananao ankavanana, kanefa tsy hahatratra anao izany.
[8]Fa handinika sy hizaha ny sazin'ny ratsy fanahy fotsiny Ianao. [9]Fa Yaveh no fialofako! Ataovy fialofanao ihany koa ilay Avo Indrindra.
[10]Tsy hisy ratsy hahazo anao; tsy hisy fahoriana hanakaiky ny fonenanao. [11]Fa hitarika ireo anjeliny Izy mba hiaro anao, hiambina anao amin'izay lalanao rehetra.
[12]Hanandratra anao amin'ny tanany izy ireo mba tsy ho voan'ny vato ny tongotra. [13]Hanorotoro ireo liona ianao sy ireo menarana ambany tongotrao; hanitsaka ireo liona tanora sy bibilava ianao.
[14]Satria efa nanolo-tena ho Ahy izy, dia hamonjy azy Aho. Hiaro azy Aho satria tsy mivadika amiko izy. [15]Rehefa miantso Ahy izy, dia hamaly azy Aho. Homba azy Aho amin'ny fahoriana; hanome fandresena azy Aho ary hanome voninahitra azy. [16]Hanome fahafaham-po azy amin'ny fiainana lava Aho ary hampiseho azy ny famonjeko.

92 Salamo, tonon-kira ho an'ny andro Sabata. [1]Zavatra tsara ny manome fisaorana an'i Yaveh sy ny mihira fiderana ho an'ny anaranao, ry Avo Indrindra, [2]hanambarana ny fanekenao mahatoky nony maraina sy ny fahamarinanao isak'alina, [3]amin'ny valiha tory folo sy ny feon-kiran-dokanga.
[4]Fa Ianao, ry Yaveh, nampifaly ahy tamin'ny alalan'ireo asanao. Hihira fifaliana ho Anao aho noho ireo asan'ny tananao.
[5]Endrey ny halehiben'ireo asanao, ry Yaveh! Lalina tokoa ny fisainanao.
[6]Tsy mahalala ny olon-kentrina, na ny adala hahatakatra izao: [7]Rehefa mitsiry toy ny ahitra ny ratsy fanahy, ary na dia miroborobo aza ny mpanao ratsy, dia mbola ho rava any amin'ny fahapotehana mandrakizay.
[8]Fa Ianao, ry Yaveh, dia hanjaka mandrakizay. [9]Eny tokoa, jereo ireo fahavalonao, ry Yaveh! Eny tokoa, jereo ireo fahavolanao. Ho faty izy ireo! Ary ireo izay manao ratsy rehetra hiparitaka.
[10]Nanandratra ny tandroko toy ny tandrok'omby Ianao; voahosotra tamin'ny menaka vaovao aho. [11]Efa nahita ny fahalavoan'ireo fahavaloko ny masoko; efa nandre ny fara-andron'ireo fahavaloko ratsy ny sofiko.
[12]Ny marina dia haniry toy ny hazon-drofia; haniry toy ny sedara any Libanona izany. [13]Novolena tao an-tranon'i Yaveh ireo; ary maniry ao amin'ireo kianjan'Andriamanintsika.
[14]Hamoa voa izy ireo na dia rehefa antitra aza; ary hijanona ho vao sy maitso, [15]mba hanambarana fa mahitsy Yaveh. Izy no vatolampiko, ary tsy misy tsy fahamarinana ao Aminy.

93 [1]Manjaka i Yaveh; mitafy voninahitra Izy; Yaveh dia nampitafy sy nampisikina ny tenany tamin'ny hery. Mafy orina izao tontolo izao; tsy afaka afindra izany. [2]Mitoetra hatramin'ny taloha ny seza fiandriananao; ianao dia tsy manam-pahataperana.
[3]Niakatra ny ranomasina, ry Yaveh; nanandratra ny feony izy ireo; mikapokapoka sy mierona ny onjan-dranomasina.
[4]Ambonin'ny fianjeran'ny onja maro, ilay mpanapaka maherin'ny ranomasina, Yaveh any ambony no mahery.
[5]Ireo didinao masina dia tena mendri-pitokisana; mandravaka ny tranonao mandrakizay ny fahamasinana, ry Yaveh.

94 [1]Ry Yaveh, Andriamanitra mamaly faty, Andriamanitra mamaly faty, mamirapiràta eo aminay. [2]Mitsangàna, ry mpitsaran'ny tany, omeo ny mpirehareha izay mendrika azy ireo.
[3]Mandra-pahoviana ny ratsy fanahy, ry Yaveh, mandra-pahoviana ny ratsy fanahy no [4]hiravoravo? Mandraraka ny teny fiavonavonany izy ireo; izay rehetra manao ratsy mieboebo avokoa.
[5]Notorotoroin'izy ireo ny olonao, ry Yaveh; mampahory ny firenena izay Anao izy ireo. [6]Mamono ny mpitondratena sy vahiny izay miaina any amin'ny fireneny izy ireo, ary mamono ireo kamboty ray. [7]Hoy izy ireo hoe: "Tsy hahita Yaveh, ary ilay Andriamanitr'i Jakoba dia tsy hatsikaritra izany."
[8]Mahatakàra, ianareo ry olona tsy misaina! Ianareo adala, rahoviana ianareo no mba hianatra? [9]Izy izay nanao ny sofina, moa ve tsy maheno Izy? Izy izay nanao ny maso, moe ve tsy mahita Izy?
[10]Izy izay mifehy ireo firenena, moa ve tsy manitsy izy? Izy ilay manome fahalalana ny olona. [11]Yaveh mahalala ny sain'ny olona, fa zava-poana izy ireo.
[12]Sambatra izay ampianarinao, ry Yaveh, ilay ampianarinao avy amin'ny lalànao. [13]Nomenao fitsaharana izy tamin'ny fotoan'ny olana mandra-pihady lavaka ho an'ny ratsy fanahy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Fa Yaveh tsy hahafoy ny olony na handao ny lovany. [15]Fa ny fitsaràna dia ho marina indray; ary ireo rehetra izay mahitsy fo dia hanaraka izany. [16]Iza no hitsangana hiaro ahy amin'ireo mpanao ratsy? Iza no hijoro ho ahy hanohitra ny ratsy fanahy?
[17]Raha tsy Yaveh no nanampy ahy, dia efa saika nitsilany tany amin'ny toeran'ny fahanginana aho toy izay. [18]Rehefa niteny aho hoe: "Mangozohozo ny tongotro," dia nanohana ahy, ny famindram-ponao, ry Yaveh. [19]Rehefa maro ny ahiahiako, dia mampifaly ahy ireo fampiononanao.
[20]Afaka miaraka aminao ve ny seza fiandrianan'ny faharavana, ilay mamorona ny tsy rariny amin'ny alalan'ny lalàna?
[21]Niara-nitetika izy ireo mba hifofoana ny ain'ny marina ary manameloka ho faty ireo tsy manan-tsiny.
[22]Fa Yaveh no efa tilikamboko avo, ary vatolampy fialofako ny Andriamanitro. [23]Hitondra ny helok'izy ireo eo aminy Izy ary handringana azy ireo amin'ny faharatsiany manokana. Hamono azy ireo Yaveh Andriamanintsika.

95 [1]Avia, aoka isika hihira ho an'i Yaveh; aoka isika hihira am-pifaliana ho an'ilay vatolampin'ny famonjena antsika.
[2]Aoka isika hiditra amin'ny fanatrehany amin'ny fisaorana; aoka isika hihira ho Azy amin'ny salamo fiderana. [3]Fa Yaveh no Andriamanitra lehibe sy Mpanjaka lehibe ambonin'andriamanitra rehetra.
[4]Eo an-tanany ireo fitoerana lalin'ny tany; Azy ireo fitoerana avon'ny tendrombohitra rehetra. [5]Azy ny ranomasina, fa Izy no nanao izany, ary ny tanany no nahary ny tany maina.
[6]Avia, aoka isika hanompo sy hiankohoka; aoka isika handohalika eo anatrehan'i Yaveh, mpahary antsika: [7]Fa Izy no Andriamanitsika, ary vahoakan'ny fihinanam-bilony sy ondrin'ny tanany isika. Anio—enga anie ka ho henoinao ny feony!
[8]Aza manamafy ny fonao, toy ny tao Meriba, na toy ny tamin'ny andron'i Masa tany an'efitra, [9]izay nitsapana sy nanandraman'ireo razambenareo Ahy, na dia hitan'izy ireo aza ireo asako.
[10]Fa efapolo taona no tezitra tamin'izany taranaka izany Aho ka niteny hoe: 'Ity dia vahoaka manana fo mania; tsy nankatò Ahy izy ireo.' [11]Noho izany dia nivoady tamin-katezerana Aho mba tsy hiditra ao amin'ny toeram-pitsaharako mihitsy izy ireny

96 [1]Mihirà fihiram-baovao ho an'i Yaveh, mihirà ho an'i Yaveh, ry tany rehetra. [2]Mihirà ho an'i Yaveh, misaora ny Anarany; ambarao isan'andro isan'andro ny famonjeny.
[3]Ambarao amin'ireo firenena ny voninahiny, ny asany mahagaga amin'ireo fierenena rehetra. [4]Fa lehibe Yaveh ka tokony ho deraina indrindra. Tokony atahorana ambonin'ny andriamani-kafa rehetra Izy.
[5]Fa sampy avokoa ireo andriamanitry ny firenena rehetra, fa Yaveh no nanao ny lanitra. [6]Famirapiratana sy voninahitra no eo amin'ny fanatrehany. Hery sy hatsarana no ao amin'ny fitoerany masina.
[7]Miderà an'i Yaveh, ianareo ry vahoaka, miderà an'i Yaveh nohon'ny voninahiny sy ny heriny. [8]Omeo ny voninahitra mendrika ny anarany Yaveh. Mitondrà fanatitra ka tongava ao an-kianjany.
[9]Miankohofa eo amin'i Yaveh amin'ny fiakanjo manome voninahitra ny fahamasinany. Mangovita eo anatrehany, ry tany rehetra. [10]Mitenena amin'ireo firenena hoe: "Manjaka Yaveh." Voaorina ihany koa izao tontolo izao; tsy ho voahozongozona izany. Mitsara ara-drariny ireo olona Izy.
[11]Aoka ho faly ny any an-danitra, ary aoka hiravoravo ny tany; Aoka hierona ny ranomasina ary hihiaka am-pifaliana izay mameno izany. [12]Aoka hifaly ireo saha sy izay rehetra ao aminy. Dia aoka hihiaka amin'ny hafaliana [13]eo anatrehan'i Yaveh ireo hazo rehetra any an'al, fa tonga Izy. Tonga mba hitsara ny tany Izy. Hitsara izao tontolo izao amin'ny fahamarinana Izy ary ireo olona amin'ny fahatokiany.

97 [1]Manjaka Yaveh; aoka ny tany hifaly; aoka ny moron-tsiraka marobe ho ravo. [2]Rahona sy aizina no manodidina Azy. Fahamarinana sy rariny no fiorenan'ny seza fiandrianany.
[3]Afo no mandalo eo anoloany ka mandevona ireo mpifanandrina aminy amin'ny lafiny rehetra. [4]Manazava izao tontolo izao ny tselany; mahita izany ny tany ka mihorohoro. [5]Miempo tahaka ny savoka eo anatrehan'i Yaveh, ilay Tompon'ny tany manontolo, ireo tendrombohitra.
[6]Manambara ny fahamarinany ireo habakabaka, ary mahita ny voninahiny ny firenena rehetr. [7]Ho menatra ireo rehetra izay manompo sarin-javatra voasokitra, ireo izay mirehareha amin'ny sampy tsy misy dikany—miankohofa eo aminy, ianareo ry andriamanitra rehetra! [8]Naheno ny Ziona ka dia faly. Ary nifaly ny tanànan'i Joda noho ireo didinao marina, ry Yaveh.
[9]Fa ianao, ry Yaveh, no avo indrindra ambonin'ny tany rehetra. Asandratra avo indrindra ambonin'ireo andriamanitra rehetra Ianao. [10]Ianao izay tia an'i Yaveh, mankahalà ratsy! Miaro ny ain'ireo olony masina Izy, ka maka azy ireo tsy ho eo an-tanan'ny ratsy fanahy. [11]Nafafy tamin'ny marina ny fahazavana ary ny fifaliana ho an'ireo mahitsy fo.
[12]Meteza hifaly ao amin'i Yaveh, ianareo olo-marina; ary manolora fisaorana rehefa mahatsiaro ny fahamasinany ianareo.

98

Salamo. [1]Mihirà fihiram-baovao ho an'i Yaveh, fa nanao zava-mahagaga Izy; nanome fandresena Azy ny tanany ankavanana sy ny sandriny masina. [2]Nampahafantatra ny famonjeny Yaveh; nampiseho ampahibemaso ny fahamarinany tamin'ireo firenena rehetra Izy.
[3]Mahatsiaro ny tsy fivadiham-panekeny sy ny fanekena mahatokiny ho an'ny taranak'Israely Izy; hahita ny fandresen'Andriamanitsika ny vazan-tany rehetra. [4]Mihobia ho an'i Yaveh, ry tany rehetra; Velomy ny hira; mihirà amim-pifaliana, ka mihirà fiderana.
[5]Mihirà fiderana ho an'i Yaveh amin'ny harpa, amin'ny valiha sy hira mahafinaritra. [6]Amin'ny trompetra sy ny feon'ny anjomara, manaova hiakam-pifaliana eo anatrehan'ilay Mpanjaka, dia i Yaveh.
[7]Aoka hihiaka ny ranomasina sy izay rehetra ao aminy; izao tontolo izao sy izay rehetra monina ao aminy! [8]Aoka ireo renirano hiteha-tanana, ary aoka ireo tendrombohitra hihiaka fifaliana. [9]Tonga hitsara ny tany Yaveh; hitsara izao tontolo izao amin'ny fahamarinana Izy ary ireo firenena amin'ny hitsiny.

99 [1]Manjaka Yaveh; aoka hangovitra ireo firenena. Mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana eo ambonin'ny Kerobima Izy; mihorohoro ny tany. [2]Lehibe ao Ziona i Yaveh; asandratra ambonin'ireo firenena rehetra Izy. [3]Aoka izy ireny hidera ny anaranao lehibe sy mampahatahotra; Masina Izy.
[4]Mahery ny mpanjaka, ary tia rariny Izy. Efa nampitoetra rariny Ianao; efa nanao fahamarinana sy fahitsiana tamin'i Jakoba Ianao. [5]Derao Yaveh Andriamanitsika ary tompoy eo amin'ny fitoeran-tongony Izy. Masina Izy.
[6]Isan'ireo mpisorony i Mosesy sy Arona, ary Samoela isan'ireo izay niovavaka taminy. Nivavaka tamin'i Yaveh izy ireo, ka dia namaly azy ireo Izy. [7]Niteny tamin'izy ireo tamin'ny alalan'ny andry rahona Izy. Nihazona ny didiny masina izy ireo ary ny lalàna izay efa nomeny ho azy ireo.
[8]Namaly azy ireo Ianao, ry Yaveh Andriamanitray. Andriamanitra mpamela heloka Ianao tamin'izy ireo, nefa Ilay nanasazy tamin'ny fahotany. [9]Miderà an'i Yaveh Andriamanitsika, ary manompoa Azy ao amin'ny tendrombohiny masina, fa Yaveh Andriamanitsika dia Masina.

100 Salamo fanomezam-pisaorana. [1]Mihobia am-pifaliana an'i Yaveh, ry tany rehetra. [2]Manompoa an'i Yaveh amim-piravoravoana; mandehana eo anatrehany amin'ny fihirana fihobiana.
[3]Fantaro fa i Yaveh no Andriamanitra; nanao antsika Izy, ary Azy isika. Vahoakany sady ondrin'ny fihinanam-bilony.
[4]Midira amin'ireo vavahadiny amin'ny fanomezam-pisaorana ary ao an-kianjany amin'ny dera. Manolora fisaorana Azy ary derao ny anarany. [5]Fa tsara Yaveh; maharitra mandrakizay ny famindram-pony ary manerana ireo taranaka rehetra ny fahamarinany.

101 [1]Salamo nataon'i Davida. Hihira ny fanekena mahatoky sy fahamarinana aho; ho Anao, ry Yaveh, hihira fiderana aho.
[2]Handeha amin'ny lala-marina aho. endrey, rahoviana no ho tonga eto amiko Ianao? Andeha amin'ny fahitsiana ao an-tranoko aho. [3]Tsy hanisy fahadisoana anoloan'ny masoko aho; mankahala ny ratsy tsy mendrika aho; ary tsy hifikitra amiko izany.
[4]Handao ahy ny mpamadika; tsy hankasitraka ny ratsy aho. [5]Ho potehiko izay rehetra manendrikendrika mangingina ny namany. Tsy handefitra ny olona izay manana fihetsika mieboebo sy toe-tsaina miavonavona aho. [6]Hijery ny olo-mahatoky eo amin'ny tany aho mba hipetraka eo anilako. Izay mandeha amin'ny lala-marina no mahazo manompo ahy.
[7]Tsy hitoetra ao an-tranoko ny olona mpamitaka; tsy ho tongasoa eo anoloan'ny masoko ny mpandainga. [8]Isa-maraina isa-maraina no hamotehako ny ratsy fanahy rehetra amin'ny tany; hesoriko avy ao amin'ny tanànan'i Yaveh ny mpanao ratsy rehetra.

102 Ny fivavaky ny ory rehefa reraka izy ary mandraraka ny fitarainany manoloana an'i Yaveh. [1]Henoy ny fivavako, ry Yaveh; henoy ny tarainako Aminao. [2]Aza afenina amiko amin'ny androm-pahoriako ny tavanao. Henoy aho. Raha miantso Anao aho, dia valio faingana re.
[3]Mandalo tahaka ny setroka ny androko, ary mandoro tahaka ny afo ny taolako. [4]Torotoro ny foko, ary tahaka ny ahitra malazo aho. Adinoko ny mihinan-kanina
[5]Noho ny fisentoko mandrakariva, dia niova ho nahia fatratra aho. [6]Tahaka ny sama any an'efitra aho; niova ho tahaka ny vorondolo any an-tanàna haolo.
[7]Tsy mahita tory tahaka ny vorona mandeha irery aho; irery ao an-tampon-trano. [8]Miteny ratsy ahy ireo fahavaloko isan'andro lava izao; ireo mpaneso ahy mampiasa ny anarako ho fanozonana.
[9]Mihinana lavenona tahaka ny mofo aho ary mampifangaro ny zava-pisotroko amin'ny ranomaso. [10]Noho ny haviniran'ny fahatezeranao, no nanandratanao ahy mba handavoana ahy.
[11]Tahaka ny aloka malazo ny androko; ary nalazo tahaka ny ahitra aho. [12]Nefa, Ianao, ry Yaveh, dia velona mandrakizay, ary ho an'ireo taranaka rehetra ny lazanao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Hitsangana Ianao ka hamindra fo amin'i Ziona. Izao no fotoana hamindrana fo aminy; tonga ny fotoana voatondro. [14]Fa ireo mpanomponao dia mitàna ireo vato malalany ary mangoraka ny vovoky ny faharinganany. [15]Hanaja ny anaranao ireo firenena, ry Yaveh, ary hanandratra ny voninahitrao ny mpanjakan'ny tany rehetra. [16]Hanamboatra an'i Ziona indray Yaveh ka hiseho ao amin'ny voninahiny.
[17]Amin'izany fotoana izany, dia hamaly ny fivavaky ny mahantra izy; tsy handà ny vavak'izy ireo Izy. [18]Hosoratana ho an'ireo taranaka ho avy izany, ary ny olona tsy mbola teraka dia hidera an'i Yaveh.
[19]Fa efa niondrika nijery avy any amin'ny avony masina Izy; avy any an-danitra Yaveh no mitazana ny tany, [20]mba handre ny fisenton'ireo gadra, mba hamotsotra ireo izay voaheloka ho faty.
[21]Dia hanambara ny anaran'i Yaveh any Ziona sy any Jerosalema ny olona [22]rehefa miara-miangona mba hanompo an'i Yaveh ireo vahoaka sy ireo fanjakana.
[23]Efa nesoriny tamiko teo an'ivon'ny fiainako ny heriko. Nafoheziny ny androko. [24]Hoy aho hoe: "Andriamanitro o, aza esorina eo an'ivon'ny fiainako aho; fa eo manerana ny taranaka rehetra Ianao.
[25]Nametraka ny tany tamin'ny fitoerany Ianao fahiny; asan'ny tananao ny lanitra. [26]Ho levona ireo, fa Ianao hitoetra; hiha-antitra tahaka ny fitafiana avokoa ireo; tahaka ny akanjo, ho esorinao ireo, ka hanjavona. [27]Nefa Ianao tsy miova, ary tsy hanam-piafarana ny taonanao.
[28]Ny zanak'ireo mpanomponao ho velona, ary ho velona eo amin'ny fanatrehanao ny taranak'izy ireo."

103

Salamo nataon'i Davida. [1]Hidera an'i Yaveh aho amin'ny fiainako rehetra, sy izay rehetra ato anatiko, hidera ny anarany masina aho. [2]Hidera an'i Yaveh amin'ny fiainako rehetra aho, ary hahatsiaro ireo asany soa rehetra.
[3]Mamela ny helokao rehetra Izy; manasitrana ny aretinao rehetra Izy. [4]Manavotra ny ainao amin'ny faharavana Izy; manarona fanekena mahatoky anao Izy ary mamindra fo tokoa. [5]Manao izay mahafa-po ny fiainanao amin'ny zava-tsoa Izy mba ho vao tahaka ny voromahery indray ny fahatanoranao.
[6]Manao izay rariny Yaveh ary manao ny asan'ny fahamarinana ho an'ny ory rehetra. [7]Nampahafantariny an'i Mosesy ny lalany, ary tamin'ny taranak'Israely ireo asany. [8]Mamindra fo sy miantra Yaveh; mahari-po; sady be famindra-po.
[9]Tsy hanafay mandrakariva Izy; ary tsy tezitra mandrakariva. [10]Tsy manao antsika araka izay mendrika ny fahotatsika Izy na mamaly antsika araka izay takian'ny otantsika.
[11]Tahaka ny haavon'ny lanitra ambonin'ny tany, no haben'ny famindra-pony amin'ireo izay manome voninahitra Azy.
[12]Tahaka ny halaran'ny atsinanana amin'ny andrefana, dia izany no halaviran'ny hanesorany ny heloky ny fahotantsika amintsika. [13]Tahaka ny ray mangoraka ny zanany, no angorahan'i Yaveh ireo izay manome voninahitra Azy
[14]Fa fantany ny nanaovany antsika; fantany fa vovoka isika. [15]Raha ny amin'ny olona, dia tahaka ny ahitra ny androny; maniry tahaka ny voninkazo any an-tsaha izy. [16]Tsofin'ny rivotra izany, ka manjavona, ary tsy misy na iza na iza afaka milaza hoe taiza no nanirian'izany taloha.
[17]Nefa ny famindram-pon'i Yaveh dia avy amin'ny maharitra mandrakizay hatramin'ny maharitra mandrakizay ho an'ireo izay manome voninahitra Azy. Mihitatra any amin'ny taranak'izy ireo ny fahamarinany. [18]Mitandrina ny fanekeny sy mahatsiaro ny fankatoavana ireo fampianarany izy ireo. [19]Efa nampitoetra ny seza fiandrianany any an-danitra Yaveh, ary manjaka amin'ny olona rehetra ny fanjakany.
[20]Miderà an'i Yaveh, ianareo anjeliny, ianareo maheriny izay matanjaka sy manao ny teniny, ary mankatò ny feon'ny teniny. [21]Miderà an'i Yaveh, ry miaramilany rehetra, ianareo mpanompony izay manatanteraka ny sitra-pony. [22]Miderà an'i Yaveh, ry zava-boahariny rehetra, any amin'ny toerana rehetra izay anjakany. Hidera an'i Yaveh amin'ny fiainako rehetra aho.

104

[1]Hidera an'i Yaveh amin'ny fiainako rehetra aho, ry Yaveh Andriamanitro o, mahafinaritra loatra Ianao; mitafy famirapiratana sy voninahitra Ianao. [2]Mirakotra fahazavana ho fitafiana Ianao; velarinao tahaka ny lamban-day ny lanitra. [3]Napetrakao teo amin'ny rahona ireo andrin'ny efi-tranonao; nataonao ho kalesinao ny rahona; mandeha eo amin'ny elatry ny rivotra Ianao.
[4]Nataony ho irany ny rivotra, ho mpanompony ny lelafo. [5]Nampitoetra ny fanambanin'ny tany Izy, ka tsy hihozongozona mihitsy izany.
[6]Nanarona ny tany tamin'ny rano tahaka ny fitafiana Ianao; nanarona ny tendrombohitra ny rano. [7]Ny fiteninao mafy no nampihemotra ny rano; tamin'ny fanenon'ny fikotrokotroky ny feonao no nampandositra ireny.
[8]Nitsangana ireo tendrombohitra, ary ireo lohasaha niely tany amin'ireo toerana izay efa notendrenao ho an'ireo.
[9]Namaritra sisintany ho an'ireny Ianao mba tsy hihoarany; ka dia tsy hanarona ny tany intsony ireny.
[10]Nampikoriana loharano teny amin'ireo lohasaha Izy; mikoriana anelanelan'ireo tendrombohitra ny rian-drano.
[11]Mamatsy rano ho an'ny biby rehetra any an-tsaha ireny; dia afaka hetaheta ireo apondradia. [12]Manamboatra ny akaniny eo amoron'ny renirano ireo vorona. Mihira eny amin'ny rantsan-kazo izy ireo.
[13]Manondraka ireo tendrombohitra avy amin'ny fitoeran-dranony any an-danitra Izy. Feno vokatry ny asany ny tany.
[14]Mampaniry ahitra ho an'ireo biby fiompy sy voly ho an'ny olona ho volena Izy mba hahafahan'ny olona mamokatra sakafo amin'ny tany. [15]Manao divay hampifaliana ny olona Izy, diloilo mba hampamiratra ny tavany, ary hanina mba hanohanana ny ainy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Ireo hazon'i Yaveh dia voatondraka orana be; dia ireo sederan'i Libanona izay namboleny. [17]Eo no anorenan'ireo vorona ny akaniny. Ny voronkely manao ny hazo kypreso ho fonenany. [18]Ny osidia monina any amin'ireo tendrombohitra avo; ary ny haavon'ny tendrombohitra no fialofan'ireo hyraka.
[19]Nanendry ny volana ho mariky ny fotoana Izy; fantatry ny masoandro ny fotoana hilentehany. [20]Nataonao ny aizin'ny alina rehefa mivoaka ny biby rehetra any an'ala.
[21]Mierona ho an'ny hazany ireo liona tanora ary mitady ny haniny avy amin'Andriamanitra. [22]Rehefa miposaka ny masoandro, dia misintaka ireny ka matory any an-davany.
[23]Mandritra izany fotoana izany, ny vahoaka mivoaka ho amin'ny asany sy misasatra mandra-pahariva. [24]Yaveh o, endrey ny hamaroana sy karazan'ireo asanao! Nataonao tamim-pahendrena izy rehetra; henika ireo asanao ny tany.
[25]Indro ny ranomasina, lalina sady midadasika, mihetsiketsika miaraka amin'ireo zava-boahary tsy voatanisa, na kely na lehibe. [26]Mandeha eo ireo sambo, ary ao ihany koa ny Leviatana, izay nataona hilalao an-dranomasina.
[27]Ireo rehetra ireo dia mijery Anao mba hanome ny sakafony ara-potoana. [28]Rehefa manome ireo Ianao, dia miangona izy ireo; rehefa manokatra ny tananao Ianao, dia afa-po izy ireo.
[29]Rehefa manafina ny tavanao Ianao, dia matahotra ireo; rehefa manala ny fofonain'ireo Ianao; dia maty ireo ka hody vovoka. [30]Rehefa mandefa ny Fanahinao Ianao, dia ary ireo, ka hanavao ny tany indray Ianao.
[31]Haharitra mandrakizay anie ny voninahitr'i Yaveh, hisitraka ny voahariny anie Yaveh. [32]Miondrika mijery ny tany Izy, dia mihorohoro izany; mikasika ireo tendrombohitra Izy; dia manetroka izany.
[33]Hihira ho an'i Yaveh amin'ny fiainako rehetra aho; hihira fiderana an'Andriamanitro aho raha mbola velonan'aina koa.
[34]Ho mamy aminy anie ny fisainako; hifaly amin'i Yaveh aho.
[35]Hanjavona eto an-tany anie ireo mpanota, ary aoka ho foana ny ratsy fanahy. Hidera an'i Yaveh amin'ny fiainako rehetra aho. Miderà an'i Yaveh.

105

[1]Misaora an'i Yaveh, antsoy ny anarany; ampahafantaro amin'ireo firenena ireo asany. [2]Mihirà ho Azy, mihiràfiderana ho Azy; ambarao avokoa ireo asany rehetra mahatalanjona. [3]Mireharehava amin'ny anarany masina; aoka ny fon'ireo izay mitady an'i Yaveh hifaly.
[4]Mitadiava an'i Yaveh sy ny heriny; tadiavo hatrany hatrany ny fanatrehany. [5]Tadidio ireo zava-mahagaga efa nataony, ireo fahagagany sy ireo lalàny avy ao am-bavany, [6]ianareo taranak'i Abrahama mpanompony, ianareo vahoakan'i Jakoba, olom-boafidiny.
[7]Izy no Yaveh, Andriamanintsika. Eo amin'ny tany rehetra ireo didiny. [8]Ataony an-tsaina mandrakizay ny fanekeny, dia ny teny izay nodidiany ho an'ireo taranaka an'arivony.
[9]Mahatsiaro ny fanekena izay nataony tamin'i Abrahama sy ny fianianany tamin'i Isaka Izy. [10]Izany no namafisiny tamin'i Jakoba ho lalàna sy tamin'ny Israely ho fanekena maharitra mandrakizay. [11]Hoy Izy: "Homeko anjara lovanareo ny tany Kanana."
[12]Nilaza izany Izy fony mbola vitsy an'isa izy ireo, tena vitsy, sady mpivahiny tao amin'ny tany. [13]Nivezivezy tamin'ireo firenena sy avy any amin'ny fanjakana ho any amin'iray hafa izy ireo.
[14]Tsy namela na iza na iza hampahory azy ireo Izy; nandatsa mpanjaka maro Izy noho ny amin'izy ireo. [15]Hoy Izy hoe: "Aza mikasika ireo olom-boahosotro, ary manisy ratsy ireo mpaminaniko."
[16]Niantso mosary ho amin'ny tanyIzy; nanapaka ny famatsiana mofo manontolo Izy. [17]Naniraka olona hialoha lalana azy ireo Izy; namidy ho mpanompo i Josefa.
[18]Nafatony tamin'ny tady vy ny tongony; teo amin'ny tendany nasiany rojo vy, [19]ambara-pahatanteraka ny teniny, ary nitsapa azy ny tenin'i Yaveh.
[20]Naniraka ireo mpanompo hamotsotra azy Yaveh; nanafaka azy ny mpanapaka ny vahoaka. [21]Nataony nisahana ny tranony ho mpanapaka ireo fananany rehetra izy [22]mba hampianatra ireo andriany araka izay iriany sy hampianatra fahendrena ireo loholony. [23]Dia nankany Egypta ny Israely, ary Jakoba nivahiny tao amin'ny tany Hama.
[24]Nampamokatra ny vahoakany Yaveh, ary nampatanjaka azy ireo mihoatra ireo fahavalony. [25]Nataony nankahala ny vahoakany ny fahavalon'izy ireo, mba hampijaly ireo mpanompony. [26]Naniraka an'i Mosesy, mpanompony, sy Arona, izay efa nofidiany Izy. [27]Nanatanteraka ireo famantarany teo amin'ireo Egyptiana izy ireo, ireo fahagagany tao amin'ny tany Hama.
[28]Nandefa aizina sy nampamaizina ny tany Izy, nefa tsy nankato ireo didiny ny vahoaka tao. [29]Namadika ny ranon'izy ireo ho rà Izy ary namono ny hazan-dranony. [30]Rakotra sahona ny tanin'izy ireo, na dia ny tao an'efitranon'ireo mpanapaka aza.
[31]Niteny Izy, ka dia tonga nanerana ny tanànan'izy ireo ny renin-dalitra sy moka. [32]Navadiny ho havandra ny oran'izy ireo, niaraka tamin'ny afo nidedadeda teo amin'ny taniny. [33]Nopotehiny ny voaloboka sy ny hazon'aviavin'izy ireo; nosimbainy ireo hazo tao an-tanànan'izy ireo.
[34]Niteny Izy, dia tonga ny valala, valala maro be. [35]Lanin'ireo valala ny zava-maniry rehetra tao amin'ny tanin'izy ireo; lanin'ireny ny vokatry ny tany rehetra. [36]Novonoiny ny lahimatoa rehetra tao amin'ny tany, ny voaloham-bokatry ny herin'izy ireo rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[37]Nentiny nivoaka niaraka tamin'ny volamena sy volafotsy ireo Israelita; tsy nisy tamin'ireo fokony tafitohina teny an-dalana. [38]Ravoravo Egypta raha lasa izy ireo, satria natahotra azy ireo ny Egyptiana. [39]Nampiely ny rahona ho fandrakofana Izy ary nanao afo hampazava ny alina.
[40]Nangataka sakafo ny Israelita, ka dia nitondrany papelika ary natony hafa-po tamin'ny mofo avy any an-danitra.
[41]Namaky ny vatolampy Izy, ka nigororoana teo ny rano; nikoriana tany an'efitra tahaka ny renirano ireny. [42]Fa nahatsiaro ny fampanantenany masina izay nataony tamin'i Abrahama mpanompony Izy.
[43]Notarihiny nivoaka tamim-pifaliana ny vahoaka; tamin'ny hiakam-pandresena ny olom-boafidiny. [44]Nomeny azy ireo ny tanin'ireo firenena; naka fananana tamin'ireo haren'ny vahoaka izy ireo [45]mba hitandremany ny didny sy hankatoavany ny lalàny. Miderà an'i Yaveh.

106 [1]Misaora an'i Yaveh, fa tsara Izy, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony. [2]Iza no afaka hanisa ireo asa lehibe izay nataon'i Yaveh na hanonona feno ireo asa mendri-piderany?
[3]Hotahiana anie ireo izay manao ny marina, sy ireo izay manao asa marina mandrakariva. [4]Tsarovy aho, ry Yaveh, rehefa mampiseho sitraka amin'ny olonao Ianao; ampio aho rehefa mamonjy azy ireo Ianao. [5]Ary dia hahita ny fanambinan'ireo voafidinao aho, hiravoravo amin'ny fifalian'ny firenenao sy hanome voninahitra amin'ny lovanao.
[6]Nanota tahaka ireo razambenay izahay, nanao ny tsy nety izahay, ary nahavita ratsy. [7]Tsy nankatoavin'ireo razanay ireo asa tsaranao tany Egypta; tsy niraharaha ny habetsaky ny famindram-ponao izy ireo; ka nikomy teny amin'ny ranomasina, teny amin'ny Ranomasina Mena.
[8]Na dia izany aza, novonjeny izy ireo nohon'ny anarany mba hahafahany mampiseho ny heriny. [9]Noteneniny mafy ny Ranomasina Mena, dia ritra izany. Dia nitarika azy ireo nita ireo lalina Izy, tahaka ny nita efitra.
[10]Namonjy azy ireo tamin'ny tanan'ireo izay nankahala azy ireo Izy, ary nanavotra azy ireo tamin'ny tanan'ny fahavalo.
[11]Fa nosaronan'ny rano ireo fahavalon'izy ireo; tsy nisy na dia iray amin'izy ireo aza ka avotra. [12]Ary nino ny teniny izy ireo, ka nihira fiderana Azy.
[13]Nefa nalaky nanadino izay nataony izy ireo; tsy niandry ireo torolalany. [14]Fatra-pila tany an'efitra ka nitady hihoatra an'Andriamanitra tany an'efitra. [15]Dia nomeny ny fangatahany, saingy nandefa aretina handany ny vatan'izy ireo Izy.
[16]Tany an-toby dia nialona an'i Mosesy sy Arona, mpisorona masin'i Yaveh, izy ireo. [17]Nisokatra ny tany ka nitelina an'i Datana ary nanarona ireo mpanaraka an'i Abirama. Nirehitra teo amin'izy ireo ny afo; [18]ka nandevona ny ratsy fanahy ny afo.
[19]Dia nanao zanak'ombilahy tao Horeba izy ireo ka nanompo ny sarin-javatra vy. [20]Natakalon'izy ireo sarin'ombilahy voasokitra izay mihinana ahimaitso ny voninahitr'Andriamanitra. [21]Nanadino an'Andriamanitra Mpamonjy azy izy ireo, izay nanao asa lehibe tany Egypta.
[22]Nanao zava-tsoa mahafinaritra tao an-tanin'i Hama sy zava-mahery tao amin'ny ranomasina Mena Izy. [23]Ary nandidy ny fandringanana azy ireo Izy, raha tsy i Mosesy, izay voafidiny, no niditra an-tsehatra teo amin'ny fanapahana mba hampiova ny fahatezerany amin'ny fandringanana azy ireo.
[24]Dia nataon'izy ireo tsinotsinona ny tany mahavokatra; tsy nino ny fampanantenany izy ireo; [25]fa nimonomonona tao an-dainy izy ireo, ary tsy nankatò an'i Yaveh.
[26]Noho izany dia nanangana ny tanany izy ary nianiana tamin'izy ireo fa hamela azy ireo ho faty any an'efitra, [27]hampiely ny taranak'izy ireo erak'ireo firenena ary hampiely azy ireo any amin'ny tany hafa.
[28]Nanompo an'i Bala Peora izy ireo ary nihinana ireo sorona natolotra ho an'ny maty. [29]Nihantsy Azy ho tezitra tamin'ny fihetsiny izy ireo, ka dia namely azy ireo ny areti-mandringana.
[30]Dia nitsangana i Fineasa ka nrotsaka an-tsehatra, ary nitsahatra ny areti-mandringana. [31]Anisan'ny asa marina ho azy mandrakizay izany hatrany amin'ny taranaka fara mandimby.
[32]Nampatezitra an'i Yaveh ihany koa izy ireo teny amin'ny ranon'i Meriba, ka nijaly i Mosesy noho izy ireo. [33]Nampahory an'i Mosesy izy ireo, ka dia niteny mafy izy. [34]Tsy nandringana ireo firenena araka ny nandidian'i Yaveh izy ireo, [35]nefa izy ireo niharo tamin'ireo firenena sy nianatra ny fanaony [36]ka nanompo ireo sampiny, izay tonga fandrika ho azy.
[37]Nanao sorona ireo zanany lahy sy ireo zanany vavy ho an'ireo demonia izy ireo. [38]Nandatsaka ny rà tsy manan-tsiny izy ireo, ny ràn'ireo zanany lahy sy ny an'ireo zanany vavy izay nataon'izy ireo sorona ho an'ireo sampin'i Kanana; ka nanimbazimba ny tany tamin'ny rà. [39]Voaloto tamin'ireo asany; tahaka ireo mpijangajanga izy ireo noho ny nataony.
[40]Ka dia tezitra tamin'ny olony i Yaveh, ary nataony tsinontsinona ny vahoakany. [41]Nomeny ho eny an-tanan'ireo firenena izy ireo, ary ireo nankahala azy ireo no nanapaka teo aminy.
[42]Nampahory azy ireo ny fahavalony, ary nentina hanaiky ny fahefany izy ireo. [43]Matetika tonga nanampy azy ireo Izy, fa izy ireo kosa nikomy hatrany ary naletiky ny fahotany ihany.
[44]Na izany aza dia nijery ny fahorian'izy ireo Izy rehefa nandre azy ireo nitomany hovonjena. [45]Nampatsiaro ny fanekeny tamin'izy ireo Izy ka nanenina nohon'ny fitiavany tsy miova. [46]Dia nataony niantra azy ireo ny mpambabo rehetra.
[47]Vonjeo izahay, ry Yaveh, Andriamanitray. Ary angony avy amin'ireo firenena, mba hisaoranay ny Anaranao Masina sy hanomezanay voninahitra amin'ny fiderana Anao. [48]Ho deraina anie Yaveh, Andriamanitr'Israely, rahatrizay ka ho mandrakizay. Ary niteny ny olona rehetra hoe: "Amena". miderà an'i Yaveh. Boky fahadimy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

107 [1]Misaora an'i Yaveh, fa tsara Izy, ary mandrakizay ny famindram-pony. [2]Aoka ireo navotan'i Yaveh hilaza izany, dia izay navotany teo an-tanan'ny fahavalo. [3]Nangoniny avy amin'ny tany hafa maro izy ireo, dia izay avy any atsinanana sy avy any andrefana, avy any avaratra sy avy any atsimo.
[4]Nirenireny tany an'efitra teny amin'ny lalana hay izy ireo ary tsy nahita tanàna honenana. [5]Satria noana sady nangetaheta izy ireo, dia heniky ny fahararerahana izy ireo. [6]Dia niantso mafy an'i Yaveh tamin'ny andro fahoriany, ka namonjy azy ireo tamin'ny fahoriany Izy. [7]Nitondra azy ireo tamin'ny lalana mahitsy Izy mba ahafahan'izy ireo mandeha any amin'ny tanàna izay honenany.
[8]Hidera an'i Yaveh anie ireo olona nohon'ny famindram-pony sy ireo zava-tsoa rehetra nataony tamin'ny olombelona! [9]Fa manome fahafa-po ny fanirian'ireo izay mangetaheta Izy, ary ny fanirian'ireo noana dia vokisany zava-tsoa. [10]Ny sasany mitoetra anaty aizina sy aloky ny fahafatesana, voagadram-pahoriana sy ireo rojo vy.
[11]Nisy izany satria nikomy nanohitra ny tenin'Andriamanitra izy ireo ary nanary ny torolalan'ny Avo Indrindra.
[12]Nampietry ny fon'izy ireo tamin'ny zava-tsarotra Izy. Tafintohina izy ireo ary tsy nisy olona hanampy azy ireo hitraka.
[13]Dia niantso an'i Yaveh tamin'ny fahoriany izy ireo, ka nentin'i Yaveh hiala avy tao amin'ny fahoriany.
[14]Nitondra azy ireo hivoaka ny maizina sy ny haizim-pito Izy ary novakiany ny fatoran'izy ireo. [15]Hidera an'i Yaveh anie ireo olona ireo nohon'ny famindram-pony sy ireo zava-mahagaga nataony ho an'ny olombelona! [16]Fa namotika ny vavahady varahina Izy ary nanapaka ireo hidy vy.
[17]Adala izy ireo tamin'ny fikomiana nataony ary ory noho ireo helony. [18]Very ny faniriany hihinana ny hanina rehetra, ary niha-nanakaiky ny vavahadin'ny fahafatesana izy ireo. [19]Dia niantso mafy an'i Yaveh izy ireo tamin'ny fahoriany, dia nitondra azy ireo hivoaka amin'ny fahoriany Izy.
[20]Nandefa ny teniny Izy ka nanasitrana azy ireo, dia novonjeny tamin'ny fahapotehiny izy ireo. [21]Ny olona anie hidera an'i Yaveh nohon'ny famindram-pony sy ireo zava-mahagaga nataony tamin'olombelona! [22]Aoka izy ireo hanolotra ireo fanatipisaorana ka hanambara ny asany lehibe amin'ny fihirana.
[23]Izay miantsambo eny an-dranomasina sy manao raharaham-barotra any ampitan-dranomasina. [24]Ireo dia nahita ny asan'i Yaveh sy ny fahagaganany teny an-dranomasina.
[25]Fa Izy no mibaiko sy maniraka ny tafio-drivotra izay mampisondrotra ny ranomasina. [26]Nanakatra ny lanitra ireny; ary nidina tany amin'ny lalina. Ketraky ny fahoriana ny fiainan'izy ireo. [27]Nisangodina sady nivembena tahaka ireo mpimamo izy ireo dia lasa tany amin'ny fahaverezan-tsaina.
[28]Ary niantso an'i Yaveh tamin'ny fahoriany izy ireo, ka nentiny nivoaka tamin'ny fahoriany izy ireo. [29]Nampitsahatra ny tafio-drivotra Izy, ary nampitony ny onjan-dranomasina. [30]Ary dia niravoravo izy ireo satria nitony ny ranomasina, ary nitondra azy ireo ho eny amin'ny morony nirian'izy ireo Izy.
[31]Ny olona anie hidera an'i Yaveh nohon'ny famindram-pony sy amin'ireo zava-mahatalanjona nataony tamin'olombelona! [32]Aoka izy ireo hanandratra Azy eo amin'ny fiangonan'ny olona ary hidera Azy eo amin'ny filankevitr'ireo loholona.
[33]Mamadika ireo ony ho efitra Izy, loharano ho tany maina, [34]ary tany mahavokatra ho tany hay noho ny faharatsian'ny olony. [35]Mamadika ny efitra ho farihin-drano Izy ary tany maina ho loharano maro.
[36]Apetrany any izay noana, ary hanorina tanàna honenana izy ireo. [37]hanorina tanàna hisy saha izy ireo, ho atao tanimboaloboka, ary hamokatra be. [38]Hitahy ireo Izy ka ho maro an'isa izany. Tsy avelany hihavitsy ny biby fiompiny.
[39]Fa nihena sy nietry izy ireo nohon'ny fahoriana maharary sy hirifiry. [40]Mandraraka fanamavoana amin'ireo mpitarika Izy ary mampirenireny azy ireo any an'efitra, izay tsy misy lalana.
[41]Fa miaro ireo mahantra nohon'ny fahoriana kosa Izy ary miahy ireo fianakaviany tahaka ny andian'ondry. [42]Hahita izany ny olo-mahitsy ka ho faly, ary ireo ratsy fanahy rehetra manakombom-bava. [43]Izay hendry dia aoka handray antsoratra izany zavatra izany ary hihevitra ireo asa famindram-pon'i Yaveh.

108 Tonon-kira, salamo nataon'i Davida. [1]Tafatoetra ny foko, Andriamanitra o; hihira aho, eny, hihira fiderana amin'ny foko ravoravo ihany koa aho. [2]Mifohaza, ry valiha sy lokanga; hifoha vao mangiran-dratsy aho.
[3]Hisaotra Anao aho, ry Yaveh, eny amin'ny olon-drehetra; hihira fiderana ho Anao aho eny amin'ny firenen-drehetra. [4]Fa ny famindram-ponao dia lehibe ambonin'ny lanitra ary mipaka eny amin'ireo habakabaka ny fahamendrehampitokianao.
[5]Misandràta, Andriamanitra o, any ambonin'ny lanitra, ary aoka ny voninahitrao hisandratra manerana ny tany rehetra.
[6]Mba ho voavonjy ireo malalanao, vonjeo amin'ny tanana ankavananao aho ka valio.
[7]Niteny tamin'ny fahamasinany Andriamanitra ka nanao hoe: "Hifaly aho ary hizara an'i Sekema; ary hizara ny Lohasahan'i Sokota. [8]Ahy i Gileada, ary ahy i Manase, arolohako ihany koa i Efraima; tehim-panjakako i Joda.
[9]Tavindrano fanasako i Moaba eo amin'i Edoma no hanipazako ny kapako; hihiaka fandresena Aho noho i Filistia. [10]Iza no hitondra Ahy any amin'ny tanàna matanjaka? Iza no hitarika Ahy ho any Edoma?"
[11]Andriamanitra o, tsy efa nanary anay ve Ianao? Tsy hivoaka amin'ny ady miaraka amin'ny tafikay Ianao. [12]Omeo fanampiana izahay hanohitra ny fahavalo, fa zava-poana ny fanampian'ny olona. [13]Miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra no haharesentsika; hanitsahany ireo fahavalontsika.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

109 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. [1]Andriamanitra izay deraiko o, aza mangina, [2]Fa mamely ahy ny ratsy fanahy sy mpamitaka; milaza lainga manohitra ahy izy ireo. [3]Manodidina ahy izy ireo ka miteny zavatra fankahalana, ary mamely ahy tsy amin'ny antony izy ireo
[4]Endrikendrika no nataon'izy ireo ho setrin'ny fitiavako, fa izaho kosa mivavaka ho azy ireo. [5]Novalian'izy ireo ratsy ny soa nataoko, ary halany ny fitiavako.
[6]Manendre lehilahy ratsy fanahy mba ho fahavalo tahaka ireny olona ireny; manendre mpiampanga hitsangana eo an-tananany ankavana. [7]Rehefa ho tsaraina izy dia aoka ho meloka, ary aoka ny fivavahany heverina ho fahotana.
[8]Aoka ho fohy ny androny; ary aoka ho lasan'olon-kafa ny anjara raharahany. [9]Aoka ny zanany ho kamboty ray, ary aoka ny vadiny ho mpitondratena. [10]Aoka ny zanany hirenireny sy hitalaho, hangataka sakafo raha mandao ny fonenany simba izy ireo.
[11]Aoka ho alain'ny tompon-trosa izay azy rehetra; ary aoka ny vahiny handroba izay azony. [12]Aoka tsy hisy na iray aza hampiseho hatsaram-panahy aminy; aoka tsy hisy hiantra ny zanany kamboty. [13]Aoka ho ringana ny zanany; ary aoka ny anarany ho vonoina tsy ho amin'ny taranaka fara mandimby.
[14]Aoka ho lazaina amin'i Yaveh ny helok'ireo razany; ary aoka tsy hoadinoina ny heloky ny reniny. [15]Aoka ho eo anatrehan'i Yaveh mandrakariva ny hadisoan'izy ireo; aoka hofoanan'i Yaveh amin'ny tany rehetra ny fahatsiarovana azy ireo. [16]Aoka ataon'i Yaveh izany satria io lehilahy io dia tsy mba nampiseho famindram-po, fa kosa nampijaly ny ory, ny mahantra, ary ny kivy fo amin'ny fahafatesana.
[17]Nitia ozona izy; hanody azy anie izany. Mankahala fitahiana izy; aoka tsy hisy fitahiana ho tonga aminy. [18]Mampitafy tena amin'ny ozona tahaka ny akanjony izy, ary fanozonana no mipàka any anatiny tahaka ny rano, tahaka ny diloilo ao anaty taolany.
[19]Aoka ny ozony ho tahaka ny fitafiana izay handrakofany ny tenany, tahaka ny fehikibo izay anaovany mandrakariva.
[20]Aoka izany ho valisoa ho an'ireo mpiampanga avy amin'i Yaveh, ho an'izay miteny ratsy ny amiko.
[21]Yaveh Tompoko o, manaova amin-katsaram-panahy amiko noho ny amin'ny anaranao. Satria tsara ny famindram-ponao, vonjeo aho. [22]Fa ory sy mahantra aho, ary ny foko dia voaratra ao anatiko. [23]Mihena tahaka ny aloky ny hariva aho; ary nahintsana tahaka ny valala.
[24]Reraky ny fifadian-kanina ny lohaliko; mihova ho taolana mifono hoditra aho. [25]Ataon'ireo mpiampanga ahy ho tsinontsinona aho; rehefa mahita ahy izy ireo dia mihifikifi-doha.
[26]Ampio aho, ry Yaveh Andriamanitro; vonjeo amin'ny famindram-ponao aho. [27]Ary aoka ho fantatr'izy ireo fa izany no asanao, izay Ianao, Yaveh, no nanao izany.
[28]Na dia manozona ahy aza izy ireo, dia mba tahio re aho; raha mamely izy ireo; aoka hitsanga-menatra, fa aoka ny mpanomponao hifaly. [29]Aoka hitafy henatra ireo fahavaloko; aoka hiakanjo ny fahamenarany ho tahaka ny tohitena izy ireo.
[30]Amin'ny vavako no hanolorako fisaorana lehibe ho an'i Yaveh; hidera Azy eo afovoan'ny olona aho. [31]Fa mitsangana eo an-tanana ankavanan'ny malahelo Izy, mba hamonjy azy amin'ireo izay mitsara azy.

110 Salamo nataon'i Davida. [1]Hoy Yaveh amin'ny tompoko: "Mipetraha eto an-tananako ankavanana ambara-panaoko ireo fahavalonao ho fitoera-tongotrao."
[2]Yaveh dia hamoaka ny tehim-panjakan'ny herinao avy any Ziona; ka mandidia eo amin'ireo fahavalonao. [3]Hanara-dia anao an-kalalahana ny vahoakanao anatin'ireo akanjo masina amin'ny andron'ny fahefanao; ateraka amin'ny mangiran-dratsy tahaka ny ando ho anao ny zatovonao.
[4]Yaveh efa nianiana, ary tsy hiova hoe: "mpisorona ho Ahy mandrakizay ianao, araka ny fanaon'i Melkizedeka."
[5]Eo an-tananao ankavanana ny Tompo. Hamono ireo mpanjaka Izy amin'ny androm-pahatezerany. [6]Hitsara ireo firenena Izy; hofenoiny faty ny tany fiadiana; ary hovonoiny ireo mpitondra any amin'ireo firenena maro.
[7]Hisotro amin'ny lohasahan-driaka any an-dalana Izy, ary dia hampitraka avo ny lohany aorian'ny fandresena Izy.

111 [1]Miderà an'i Yaveh. Hanolotra fisaorana ho an'i Yaveh amin'ny foko manontolo aho ao amin'ny fiangonan'ny olo-marina, ao amin'ny fivondronan'izy ireo. [2]Lehibe ireo asan'Andriamanitra, nandrasan'izay rehetra naniry azy ireo tamim-paharisihana. [3]Malaza sy be voninahitra ny asany, ary ny fahamarinany maharitra mandrakizay.
[4]Manao zava-mahafinaritra izay hotsaroana Izy; mpamindra fo sy miantra Yaveh. [5]Manome sakafo ho an'ireo mpanaraka mahatoky Azy Izy. Hampahatsiaro ny fanekeny mandrakariva Izy. [6]Nasehony tamin'ny olony ireo asa maheriny tamin'ny fanomezany azy ireo ny lovan'ireo firenena.
[7]Mendri-pitokisana sy mahitsy ireo asan'ny tanany; azo antoka avokoa ireo fampianarany rehetra. [8]Mitoetra mandrakizay izany, mba mba hitandremana amim-patokiana sy amin'ny tokony ho izy. [9]Nanome fandresena ho an'ny olony Izy; nampisy ny fanekeny mandrakizay; masina sy mahatalanjona ny anarany.
[10]Ny fanomezan-boninahitra an'i Yaveh no fiandoham-pahendrena; ireo izay manatanteraka ny fitsipiny no manana ny fahazavan-tsaina tsara. Maharitra mandrakizay ny fiderana Azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

112 [1]Sambatra izay olona mankatò an'i Yaveh, izay mankasitraka fatratra ireo didiny. [2]Ireo taranany hahery eny amin'ny tany; ireo taranaky ny lehilahy ho voatahy.
[3]Harena be no ao an-tranony; ny fahamarinany haharitra mandrakizay. [4]Manazava ao amin'ny maizina ho an'ny olona masina ny hazavana; miantra Izy, mpamindra fo, sy mahitsy. [5]Sambatra ny olona izay maneho amim-piantrana sy mampisambo-bola, izay mitondra ny raharahany amin'ny fahatsoram-po.
[6]Fa tsy hangozohozo mihitsy izy; ny olo-marina dia ho tsaroana mandrakizay. [7]Tsy hatahotra ny vaovao ratsy izy; satria matoky, mitoky amin'i Yaveh.
[8]Milamina ny fony, tsy misy tahotra, mandra-pijeriny amim-pandresena ireo fahavalony. [9]Manome amim-pahalalan-tanana ireo mahantra izy; ny fahamarinany haharitra mandrakizay; hasandratra amim-boninahitra izy.
[10]Ireo olona ratsy fanahy hahita izany ary ho tezitra; hihidy vazana izy ary ho levona; ho faty ny fanirian'ny olona ratsy fanahy.

113 [1]Miderà an'i Yaveh. Miderà Azy, ianareo mpanompon'i Yaveh; derao ny anaran'i Yaveh. [2]Isaorana anie ny anaran'i Yaveh, ankehitriny ka ho mandrakizay mandrakizay.
[3]Hatrany amin'ny fiposahan'ny masoandro ka hatramin'ny fodiany, tokony hoderaina ny Anaran'i Yaveh. [4]Asandratra ambonin'ny firenena rehetra Yaveh, ary ny voninahiny mipàka mihoatra ny lanitra.
[5]Iza no tahaka an'i Yaveh Andriamanitsika, izay mipetraka eny amin'ny avo, [6]izay mijery midina eny amin'ny lanitra sy ety an-tany?
[7]Manandratra ny mahantra hiala amin'ny loto Izy ary manangana ireo fadiranovana amin'ny antontan-davenona, [8]mba hahafahany mametraka azy miaraka amin'ireo andriana, miaraka amin'ireo andrian'ny vahoakany.
[9]Hanome trano fonenana ho an'ny vehivavy momba Izy, manao azy ho renin-jaza falifaly Izy. Miderà an'i Yaveh!

114 [1]Rehefa nandao an'i Egypta ny Israely, ny taranak'i Jakoba avy any amin'izany vahoaka vahiny izany, [2]dia tonga fitoerany masina i Joda, ary fanjakany i Israely.
[3]Nijery ny ranomasina ka nandositra; niverina ny Jordana. [4]Nifalihavanja toy ny ondrilahy ireo tendrombohitra, ireo havoana nifalihavanja tahaka ireo zanak'ondry.
[5]Nahoana no nandositra ianao, ry ranomasina? Ry Jordana, nahoana ianao no niverina? [6]Ry tendrombohitra, nahoana ianareo no nifalihavanja tahaka ny ondrilahy? Ianareo havoana kely, nahoana ianareo no nifalihavanja tahaka ny zanak'ondry? [7]Mangovita, ry tany, manoloana ny Tompo, amin'ny fanatrehan'Andriamanitr'i Jakoba.
[8]Mamadika ny vatolampy ho dobon-drano Izy, ny vatolampy mafy ho loharano.

115 [1]Tsy ho anay, ry Yaveh, tsy ho anay, fa ho an'ny anaranao no hanateram-boninahitra, fa ho an'ny fanekenao mahatoky sy ho an'ny fahamendreham-pitokianao. [2]Nahoana ireo firenena no miteny hoe: "Aiza ny Andriamanitr'izy ireo?"
[3]Ny Andriamanitray any an-danitra any, manao izay rehetra tiany atao. [4]Volafotsy sy volamena ireo sampin'ny firenena, asan-tanan'olona.
[5]Manam-bava ireo sampy ireo, fa tsy miteny; mana-maso izy ireo, fa tsy mahita; [6]manan-tsofina izy ireo, fa tsy mandre; manan'orona izy ireo, fa tsy manimbolo.
[7]Ireo sampy ireo manan-tanana, fa tsy mahatsapa; manan-tongotra izy ireo, fa tsy afaka mandeha; na dia ny miteny amin'ny vavany aza. [8]Ireo izay nanao azy ireo dia mitovy aminy, tahaka izay rehetra mitoky aminy.
[9]Ry Israely, matokia an'i Yaveh; Izy no famonjenao sy ampinganao. [10]Ry taranak'i Arona, matokia an'i Yaveh; Izy no famonjenao sy ampinganao. [11]Ianao izay manome voninahitra an'i Yaveh, matokia Azy; Izy no famonjenao sy ampinganao.
[12]Yaveh mahatsiaro ka hitahy antsika; hitahy ny fianakavian'Israely Izy; ary hitahy ny fianakavian'i Arona. [13]Hitahy izay manome voninahitra Azy Izy; na tanora na antitra. [14]Aoka Yaveh hampitombo isa anareo hatrany hatrany, ny anao sy ny an'ireo taranakao.
[15]Yaveh ilay nanao ny lanitra sy ny tany anie hitahy anao. [16]An'i Yaveh ny lanitra; fa ny tany nomeny ho an'ny olombelona.
[17]Ny maty tsy mba midera an'i Yaveh, na izay midina any amin'ny mangingina tsy manao izany; [18]Fa hisaotra an'i Yaveh izahay anio ka ho mandrakizay. Miderà an'i Yaveh.

116 [1]Tiako Yaveh satria mandre ny feoko sy ireo talahoko ho amin'ny famindram-po Izy. [2]Satria nihaino ahy Izy, hiantso Azy aho raha mbola velona koa.
[3]Namatotra ahy ireo tadin'ny fahafatesana, ary ny fandriky ny Fiainan-tsy hita dia nanatrika ahy, nahatsiaro fangirifiriana sy alahelo aho. [4]Dia niantso ny anaran'i Yaveh aho nanao hoe: "Miangavy ry Yaveh, avoty ny aiko."
[5]Yaveh dia be famindram-po ary tsy mitanila; ny Andriamanitsika dia be fangoraham-po. [6]Yaveh dia miaro ny bado; nambaniana aho, ary namonjy ahy Izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Afaka miverina any amin'ny toerana fitsaharana ny fanahiko, satria Yaveh efa nanao soa tamiko. [8]Fa Ianao nanavotra ny aiko tamin'ny fahafatesana, ny masoko tamin'ny ranomaso, ary ny tongotro tsy ho tafintohina.
[9]Hanompo an'i Yaveh any amin'ny tanin'ny velona aho. [10]Nino Azy aho, na rehefa niteny aza aho hoe: "Tena ory aho."
[11]Niteny tsy amin-piheverana aho hoe: "Mpandainga ny olona rehetra."
[12]Ahoana no ahafahako manefa an'i Yaveh ny hatsaram-panahiny rehetra tamiko? [13]Hatsangako ny kapoaky ny famonjena, ary antsoiko ny anaran'i Yaveh. [14]Ho tanterahiko ireo voadiko nataoko tamin'i Yaveh teo anatrehan'ny vahoakany rehetra. [15]Sarobidy teo imason'i Yaveh ny fahafatesan'ireo olo-masiny.
[16]Eny tokoa, ry Yaveh, mpanomponao aho; mpanomponao aho; zanaka lahin'ny mpanompo vavinao; nesorinao ireo fatotro. [17]Hanolotra ny sorom-pisaorana ho Anao aho ary hiantso ny anaran'i Yaveh.
[18]Ho tanterahiko ireo voadiko tamin'i Yaveh teo anatrehan'ny vahoakany rehetra, [19]teo an-tokontanin'ny tranon'i Yaveh, teo aminao, ry Jerosalema. Derao Yaveh.

117

[1]Miderà an’i Yaveh, ianareo ry firenena rehetra; asandrato Izy, ianareo vahoaka rehetra. [2]Satria ny famindram-pony dia lehibe eo anatrehantsika, ary maharitra mandrakizay ny fahamendreham-pitokian'i Yaveh. Derao i Yaveh.

118

[1]Misaora an'i Yaveh, fa tsara Izy, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony. [2]Aoka Israely hiteny hoe: "Maharitra mandrakizay ny famindram-pony."
[3]Aoka ny ankohonan'i Arona hilaza hoe: "Ny fanekeny mahatoky dia maharitra mandrakizay," [4]Aoka ireo izay manompo an'i Yaveh hilaza hoe: "Maharitra mandrakizay ny famindram-pony."
[5]Niantso an'i Yaveh tao anaty fahoriako aho; namaly ahy Yaveh ary nanafaka ahy. [6]Momba ahy Yaveh: tsy hatahotra aho; hanao inona amiko ny olombelona? [7]Mpamonjy eo anilako Yaveh; hahita fandresena amin'ireo izay mankahala ahy aho.
[8]Tsara kokoa ny mialoka eo amin'i Yaveh toy izay mametraka fitokiana amin'olombelona. [9]Tsara kokoa ny mitoetra ao amin'i Yaveh toy izay mametraka fitokiana amin'ny andrian-dahy.
[10]Ny firenena rehetra nanodidina ahy; ho tapahiko amin'ny anaran'i Yaveh izy ireo. [11]Nanodidina ahy izy ireo; eny, nanodidina ahy izy ireo; ho tapahiko amin'ny anaran'i Yaveh izy ireo. [12]Nanodidina ahy toy ny tantely izy ireo; nanjavona haingana toy ny afo teo amin'ny tsilo izy ireo; ho tapahiko amin'ny anaran'i Yaveh izy ireo.
[13]Nanafika ahy izy ireo mba handavo ahy, saingy nanampy ahy i Yaveh. [14]Yaveh no heriko sy fifaliako, ary Izy ilay tokana mpanavotra ahy.
[15]Heno ao amin'ny lain'ny fahamarinana ny hiakam-pifalian'ny fandresena; nandresy ny tanan-kavanan'i Yaveh.
[16]Asandratra ny tanan-kavanan'i Yaveh; mandresy ny tanan-kavanan'i Yaveh.
[17]Tsy ho faty aho, fa ho velona ary hanambara ireo asan'i Yaveh. [18]Efa nosazian'i Yaveh mafy aho; saingy tsy nanolotra ahy ho faty Izy.
[19]Sokafy ho ahy ireo vavahadin'ny fahamarinana; hiditra ao amin'izany aho ary hisaotra an'i Yaveh. [20]Izany no vavahadin'i Yaveh; ny olo-marina no miditra ao. [21]Hisaotra Anao aho, satria namaly ahy Ianao, ary tonga famonjena ho ahy Ianao.
[22]Ilay vato izay nolavin'ny mpanao trano dia tonga vato fehizoro. [23]Izany no nataon'i Yaveh; mahagaga eo imasontsika izany.
[24]Ity ilay andro izay nataon'i Yaveh; hifaly sy ho ravoravo amin'izany isika. [25]Miangavy ry Yaveh, omeo fandresena izahay! Miangavy ry Yaveh, omeo fahombiazana izahay!
[26]Ho tahiana izy izay ho avy amin'ny anaran'i Yaveh; ho tahianay amin'ny tranon'i Yaveh ianao. [27]Yaveh no Andriamanitra, ary efa nanome fahazavana ho anay Izy; namatotra ilay sorona tamin'ireo tady teo amin'ireo tandroky ny alitara. [28]Ianao no Andriamanitro, ary hisaotra Anao aho; Ianao no Andriamanitro; hanandratra Anao aho.
[29]Oh, misaora an'i Yaveh; fa tsara Izy; fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony.

119

[1]ALEFA. Sambatra ireo izay tsy misy tsiny ny lalany, izay mandeha amin'ny lalàn'i Yaveh. [2]Sambatra ireo izay mitandrina ny didy masiny, izay mitady Azy amin'ny fony ireo manontolo.
[3]Tsy mba manao ratsy izy ireo; fa mandeha amin'ny lalany. [4]Nandidy anay hihazona ny fampianaranao Ianao mba hitandremanay tsara izany.
[5]Endrey, te ho tafatoetra mafy amin'ny fitandremana ny didinao aho! [6]Dia tsy ho menatra aho raha misaina ny amin'ireo didinao rehetra.
[7]Hanolotra fisaorana ho Anao amin'ny fo mahitsy aho rehefa mianatra ny lalà-marinao. [8]Hitandrina ny didinao aho; aza mamela ahy ho irery. BETA.
[9]Ahoana no hitandreman'ny tanora ny lalany mba hadio? Amin'ny fankatoavana ny teninao. [10]Amin'ny foko manontolo no hitadiavako Anao; aza mamela ahy hania hiala amin'ny didinao.
[11]Noraketiko ato am-poko ny teninao mba tsy hanotako aminao. [12]Deraina Ianao, ry Yaveh; ampianaro ny didinao aho.
[13]Tamin'ny vavako no nitoriako ny lalà-marina rehetra izay nasehonao. [14]Miravoravo amin'ny lalan'ny didim-panekenao mihoatra noho ny amin'ny harena rehetra aho.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Hisaintsaina ny fampianaranao aho ka hitandrina ny ireo lalanao. [16]Mankamamy ny didinao aho; tsy hanadino ny teninao. GIMELA.
[17]Manehoa halemem-panahy amin'ny mpanomponao mba hahavelomako sy hitandremako ny teninao. [18]Sokafy ny masoko mba hahitako ireo zava-mahatalanjona amin'ny lalànao.
[19]Vahiny an-tany aho; aza mampiery ny didinao hiala amiko. [20]Torotoron'ny fitadiavana fatratra ny hahalala ny lalà-marinao mandrakariva ny faniriako.
[21]Mananatra ny mpirehareha, izay voaozona, ka maniasia miala amin'ny didinao Ianao. [22]Alao amin'ny fahafam-baraka sy ny henatra aho, fa nanoa ny didim-panekenao aho.
[23]Na dia manao teti-dratsy ka manendrikendrika ahy aza ireo mpanapaka, dia misaintsaina ny lalànao ny mpanomponao.
[24]Ny didim-panekenao no mamiko indrindra, ary ireo no mpanolo-tsaina ahy. DALETA.
[25]Miraikitra amin'ny vovoka ny aiko! Omeo fiainana amin'ny teninao aho. [26]Nambarako taminao ny lalako, dia namaly ahy Ianao; ampianaro ny didinao aho.
[27]Ataovy mahatakatra ny lalan'ny fampianaranao aho, mba hahafahako mandinika ny fampianara-mahagaganao.
[28]Difotry ny alahelo aho! Atanjaho amin'ny teninao aho.
[29]Esory hiala amiko ny lalan'ny fitaka; ampianaro ahy am-pahasoavana ny lalànao. [30]Nofidiako ny lalan'ny fahatokiana; efa nitandrina ny lalà-marinao teo anatrehako lalandava aho.
[31]Ireo didim-panekenao no ifikirako; Yaveh o, aza avela hangahiahy aho. [32]Hihazakazaka eo amin'ny lalan'ny didinao aho, fa ianao no manitatra ny foko hanao izay. HE.
[33]Ampianaro ny lalan'ny didinao aho, ry Yaveh, dia ho tandremako hatramin'ny farany izany. [34]Omeo fahazavan-tsaina aho, dia hitandrina ny lalànao; izany no ho saintsainiko amin'ny foko manontolo.
[35]Tariho amin'ny lalan'ny didinao aho, fa mamiko ny mandeha amin'izany. [36]Tariho any amin'ny didim-panekenao ny foko ary lavitry ny harena tsy marina.
[37]Ahodino ny masoko tsy hijery zava-poana; velombelomy amin'ny lalanao indray aho. [38]Tanteraho ho an'ny mpanomponao ny fampanantenanao izay nataonao tamin'ireo izay manaja Anao.
[39]Esory lavitra ny faniratsirana atahorako mafy, fa tsara ny fitsarana marinao. [40]Indro, naniry fatratra ny fampianaranao aho; velombelomy amin'ny fahamarinanao aho. VAO.
[41]Yaveh ô, omeo ahy ny fitiavanao tsy mety levona— ny famonjenao, araka ny fampanantenanao; [42]dia ho voavaliko ilay iray izay manamavo ahy, fa ny teninao no hitokiako.
[43]Aza esorina amin'ny vavako ny teny fahamarinana, fa efa niandry ny lalà-marinao aho. [44]Hitandrina ny lalànao hatrany aho, mandrakizay doria.
[45]Andeha am-pilaminana aho, fa mitady ny fampianaranao. [46]Hilaza momba ny didy masinao eo anatrehan'ireo mpanjaka aho ka tsy mba ho menatra.
[47]Mamiko ny didinao, izay lalaiko fatratra. [48]Hanandratra ny tanako ho amin'ny didinao aho, izay tiako; hisaintsaina ny lalànao aho. ZAINA.
[49]Tsarovy ny fampanantenanao tamin'ny mpanomponao satria nomenao fanantenana aho. [50]Izao no fiononana ho ahy amin'ny fahoriako: ny fampanantenanao no mbola nahavelona ahy.
[51]Nanesoeso ahy ny mpirehareha, kanefa tsy mba niala tamin'ny lalànao aho. [52]Nieritreritra momba ny lalà-marinao fahizay aho, ry Yaveh, ka mampahery ny tenako.
[53]Nihazona ahy ny fahatezerana mahamay nohon'ny ratsy fanahy izay mandà ny lalànao. [54]Ireo didinao no hirako tao amin'ny trano izay honenako vetivety foana.
[55]Misaintsaina ny anaranao mandritra ny alina aho, ry Yaveh, ka mitandrina ny lalànao. [56]Izany no fataoko satria nitandrina ireo fampianaranao aho. HETA.
[57]Yaveh no anjarako; efa ninia ny hitandrina ny teninao aho. [58]Mitady fatratra ny sitrakao amin'ny foko manontolo aho; miantrà ahy, araka ny nampanantenain'ny teninao.
[59]Nandinika ny lalako aho ary nampivily ny tongotro ho eo amin'ny didim-panekenao. [60]Maika aho sady tsy mitaredretra amin'ny fitandremana ny didinao.
[61]Naningotra ahy ny tadin'ny ratsy fanahy; fa tsy nanadino ny lalànao aho. [62]Amin'ny misasak'alina no hitsanganako hanome fisaorana Anao nohon'ny lalànao marina.
[63]Naman'ireo rehetra izay manaja Anao aho, dia ireo rehetra izay mitandrina ny fampianaranao. [64]Heniky ny fanekena mahatokinao ny tany, ry Yaveh; ampianaro ny didinao aho. TETA.
[65]Nanao soa tamin'ny mpanomponao Ianao, ry Yaveh, tamin'ny alalan'ny teninao. [66]Ampianaro ahy ny fahaiza-manavaka tsara sy ny fahazavan-tsaina, fa efa nino ny didinao aho.
[67]Talohan'ny nampahoriana ahy dia nania aho, fa ankehitriny dia mitandrina ny teninao aho. [68]Tsara Ianao, ary Ianao ilay iray izay manao ny tsara; ampianaro ny didinao aho.
[69]Naningotra ahy tamin'ny lainga ny mpiavonavona, saingy mitandrina ny fampianaranao amin'ny foko manontolo aho.
[70]Mihamafy ny fon'izy ireo, fa mamiko ny lalànao.
[71]Soa ho ahy ny nijaliako mba hianarako ny didinao. [72]Ny fampianarana avy amin'ny vavanao dia sarobidy lavitra noho ny volamena sy volafotsy madinika an'arivony ho ahy. JODA.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[73]Ny tananao no nanao sy namolavola ahy; omeo fahazavan-tsaina aho mba hianarako ny didinao. [74]Ireo izay manaja
Anao dia ho faly raha mahita ahy satria amin'ny teninao no ahitako fanantenana.
[75]Fantatro, ry Yaveh, fa marina ny lalànao, ary tamin'ny fahatokiana no nampahorianao ahy. [76]Aoka ny fanekena
mahatokinao no hampahery ahy, araka ny nampanantenanao tamin'ny mpanomponao.
[77]Menehoa fangorahana amiko mba ho velona aho, fa ny lalànao no mamiko. [78]Aoka ho menatra ny mpirehareha, fa
nanendrikendrika ahy izy ireo; fa izaho kosa dia hisaintsaina ny fampianaranao.
[79]Hitodika amiko anie ireo izay manaja anao; dia ireo izay mahafantatra ny didim-panekenao. [80]Tsy hisy tsiny anie ny foko
nohon'ny lalàna mba tsy ho menatra aho. KAFA.
[81]Ketraky ny fiandrasana fatratra ny hamonjenao ahy aho! Ao amin'ny teninao no hananako fanantenana. [82]Maniry
fatratra ny hahita ny fampanantenanao ny masoko; rahoviana Ianao no hampionona ahy?
[83]Fa nanjary tahaka ny sinin-divay hoditra anaty setroka aho; fa tsy mba manadino ny lalànao aho. [84]Ho mandra-
pahoviana no hiaretan'ny mpanomponao an'izao; rahoviana Ianao vao hitsara ireo izay manenjika ahy?
[85]Nihady lavaka ho ahy ny mpirehareha, sady nanohitra ny lalànao. [86]Azo ianteherana ny didinao rehetra; manenjika ahy
amin'ny tsy antony ireo olona ireo; ampio aho.
[87]Efa saiky nanapitra ny aiko tety an-tany ireo, saingy tsy mahafoy ny fampianaranao aho. [88]Amin'ny fitiavanao tsy
mivadika, velomy aho, mba hankatoavako ny didinao. LAMEDA.
[89]Yaveh o, mitoetra mandrakizay ny teninao; miorina mafy any an-danitra ny teninao. [90]Maharitra ho an'ny taranaka
rehetra ny fahatokianao; Ianao no nanorina ny tany, ary mitoetra izany.
[91]Mitohy mandrak'ankehitriny ny zavatra rehetra, araka izay voalazanao ao amin'ny lalà-marinao, fa mpanomponao ny
zavatra rehetra. [92]Raha tsy sitrako ny didinao, dia efa matin'ny fahoriako aho tahaka izay.
[93]Tsy ho adinoiko mandrakizay ny fampianaranao, fa tamin'ireo no namelomanao ahy. [94]Anao aho; vonjeo aho, fa
mikatsaka ny fampianaranao.
[95]Mivonona hamotika ahy ny ratsy fanahy, fa hikatsaka ny hahalala ny didim-panekenao aho. [96]Hitako fa misy fetrany
avokoa ny zava-drehetra, fa midadasika, tsy misy fetra ny didinao. MEMA.
[97]Endrey ny fitiavako ny lalànao! Izany no saintsainiko tontolo andro. [98]Mahendry ahy mihoatra ireo fahavaloko ny
didinao, fa miaraka amiko mandrakariva ny didinao.
[99]Manana fahazavan-tsaina mihoatra ireo mpampianatro rehetra aho, fa misaintsaina ny didim-panekenao.
[100]Mahatakatra mihoatra ireo izay be taona no izaho aho; izany dia satria nitandrina ireo fampianaranao aho.
[101]Niaro ny tongotro hiala amin'ny lalan-dratsy rehetra aho mba hitandremako ny teninao. [102]Tsy nivily lalana niala
tamin'ny lalà-marinao aho, fa Ianao no nampianatra ahy.
[103]Endrey ny hamamin'ny teninao raha andramako, eny, mamy mihoatra ny tantely amin'ny vavako! [104]Amin'ny
fampianaranao no ahazoako fahaiza-manavaka; noho izany dia halako ny lalan-diso rehetra. NONA.
[105]Fanilo ho an'ny tongotro ary jiro ho an'ny lalako ny teninao. [106]Efa nianiana aho ary nohamafisiko izany, fa hitandrina
ny lalà-marinao aho.
[107]Tena ory tokoa aho; velomy aho, ry Yaveh, araka izay nampanantenainao tamin'ny teninao. [108]Yaveh o, mba ekeo re ny
fanati-tsitrapo avy amin'ny vavako, ary ampianaro ny lalà-marinao aho.
[109]Eo an-tanako lalandava ny aiko, kanefa tsy mba manadino ny lalànao aho. [110]Nanao vela-pandrika ho ahy ny ratsy
fanahy, fa tsy naniasia hiala amin'ny fampianaranao aho.
[111]Ambarako ho lovako mandrakizay ny didim-panekenao. [112]Tafatoetra amin'ny fanoavana ny didinao mandrakizay
hatramin'ny farany indrindra ny foko. SAMEKA.
[113]Halako ireo miroroa-saina, fa tiako ny lalànao. [114]Ianao no toerana fiafenako sy ampingako; miandry ny teninao aho.
[115]Mialà amiko, ianareo ry mpanao ratsy, mba hitandremako ny didin'Andriamanitro. [116]Tohano amin'ny alalan'ny teninao
aho mba ho velona ka tsy ho menatra amin'ny fanantenako.
[117]Tohano aho, dia hiadana; hisaintsaina ny lalànao mandrakariva aho. [118]Lavinao ireo rehetra maniasia miala amin'ny
didinao, fa mpamitaka sady tsy azo itokiana ireny olona ireny.
[119]Esorinao tahaka ny tain-drendrika ny ratsy fanahin'ny tany rehetra; noho izany dia tiako ny didy masinao.
[120]Mangovingovitry ny tahotra Anao ny vatako, ary matahotra ny lalà-masinao aho. AINA.
[121]Manao izay rariny sy marina aho; aza mahafoy ahy ho any amin'ny mpampahory ahy. [122]Omeo antoka ny
fanambinan'ny mpanomponao; aza avela hampahory ahy ny mpirehereha.
[123]Miha-reraka ny masoko eo am-piandrasana ny famonjenao sy ny teny marinao. [124]Asehoy ny mpanomponao ny
fanekena mahatokinao, ary ampianaro ny didinao aho.
[125]Mpanomponao aho; omeo fahazavan-tsaina aho mba hahalalako ny didim-panekenao. [126]Fotoana hiasan'i Yaveh izao, fa
nandika ny lalànao ny olona.
[127]Tiako mihoatra noho ny volamena ny didinao, mihoatra noho ny volamena tsara indrindra. [128]Noho izany dia manaraka
tsara ny fampianaranao rehetra aho, ary halako ny lalam-pitaka rehetra. PE.
[129]Mahagaga ny fitsipikao, izany no antony hankatoavako ireo. [130]Ny fampiharihariana ny teninao no manome
fahazavana; manome fahazavan-tsaina ho an'izay tsy nampianarina izany.
[131]Sokafako ny vavako ka misanasana, fa maniry mafy ny didinao aho. [132]Mitodiha amiko ary mamindrà fo amiko, araka
ny ataonao mandrakariva amin'ireo izay tia ny anaranao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[133]Ampizory amin'ny teninao ny tongotro; aza avela hisy fahotana hanapaka ahy. [134]Avoty amin'ny fampahorian'ny olombelona aho mba hitandremako ny fampianaranao.
[135]Aoka hamirapiratra amin'ny mpanomponao ny tavanao, ary ampianaro ahy ny didinao. [136]Ranomaso mandriaka no miraradraraka amin'ny masoko satria tsy mitandrina ny lalànao ny olona. TSADE.
[137]Marina Ianao, ry Yaveh, ary rariny ny didinao. [138]Nomenao am-pahamarinana sy am-pahatokiana ny didim-panekenao.
[139]Nandravarava ahy ny hatezerana satria manadino ny teninao ny mpifanandrina amiko. [140]Efa voazaha-toetra tsara ny teninao, ary tian'ny mpanomponao izany.
[141]Tsy dia misy dikany aho sady namavoina, kanefa tsy mba manadino ny fampianaranao aho. [142]Marina mandrakizay ny fitsaranao, ary mendri-pitokiana ny lalànao.
[143]Na nahazo ahy aza ny fahoriana sy ny fangirifiriana, dia mbola mamiko hatrany ny didinao. [144]Marina mandrakizay ny didim-panekenao; omeo fahazavan-tsaina aho mba ho velona. KOFA.
[145]Nihiakiaka tamin'ny foko manontolo aho hoe: "Valio aho, ry Yaveh, dia hitana ny lalànao. [146]Miantso Anao aho; vonjeo aho, dia hitandrina ny didim-panekenao."
[147]Mifoha mialohan'ny mangiran-dratsy aho ary mihiaka famonjena. Ao amin'ny teninao ny fanantenako. [148]Mihiratra mialohan'ny hiovan'ny fiambenan'ny alina ny masoko mba hisaintsainako ny teninao.
[149]Mandrenesa ny feoko amin'ny fanekana mahatokinao; velomy aho, ry Yaveh, araka ny nampanantenainao tao amin'ny lalà-marinao. [150]Miha-manakaiky ahy ireo izay manenjika ahy, saingy lavitry ny lalànao ireo.
[151]Akaiky Ianao, ry Yaveh, ary azo itokiana ny didinao rehetra. [152]Nianatra avy tamin'ny didim-panekenao izay napetrakao tamin'ny toerany mandrakizay hatry ny elabe aho. RESY.
[153]Jereo ny fahoriako ka ampio aho, fa tsy mba manadino ny lalànao aho. [154]Misoloa vava ahy ka avoty aho; tano aho, araka izay nampanantenainao tamin'ny teninao.
[155]Lavitra an'ireo ratsy fanahy ny famonjena, fa tsy tia ny didinao ireo. [156]Lehibe ny famindram-ponao, ry Yaveh o; velomy aho, araka ny ataonao mandrakariva.
[157]Maro ny mpanenjika ahy sy ny fahavaloko, kanefa tsy niala tamin'ny didim-panekenao aho. [158]Feno rikoriko ny fijeriko an'ireo mpamadika satria tsy mitandrina ny teninao izy ireo.
[159]Endrey ny fitiavako ny fampianaranao; velomy aho, ry Yaveh, araka ny nampanantenainao tamin'ny fanekena mahatokinao. [160]Fahamarinana no loharanon'ny teninao; maharitra mandrakizay ny lalà-marinao tsirairay. SINA.
[161]Manenjika tsy ahoan-tsy ahoana ireo andriana; dia mangorohoro ny foko, matahotra ny tsy hanoa ny teninao.
[162]Miravoravo amin'ny teninao tahaka ny olona iray izay mahazo babo lehibe aho.
[163]Halako sady hamavoiko ny fitaka, fa tiako ny lalànao. [164]Impito isan'andro no hiderako Anao nohon'ny lalà-marinao.
[165]Fiadanana lehibe no hananan'ireo izay tia ny lalànao; tsy misy mahatafintohina azy ireo. [166]Miandry ny famonjenao aho, ry Yaveh, ary manoa ny didinao.
[167]Mitandrina ny didy masinao aho, ary tiako fatratra ireo. [168]Mihazona ny fampianaranao sy ny didy masinao aho, fa fantatrao izay rehetra ataoko. TAV.
[169]Mihainoa ny antso vonjiko, ry Yaveh; omeo fahazavan-tsaina ao amin'ny teninao aho. [170]Ho tonga eo aminao anie ny fangatahako; ampio aho, araka ny efa nampanantenainao tamin'ny teninao.
[171]Hiboiboika fiderana anie ny molotro, fa ampianarinao ahy ny didinao. [172]Aoka ny lelako hihira ny amin'ny teninao, fa marina avokoa ny didinao rehetra.
[173]Hanampy ahy anie ny tananao, fa nifidy ny fampianaranao aho. [174]Maniry fatratra ny fanavotanao aho, ry Yaveh, ary ny lalànao no mamiko.
[175]Ho velona anie aho ka hidera anao, ary hanampy ahy anie ny lalà-marinao. [176]Efa nirenireny tahaka ny ondry very aho; tadiavo ny mpanomponao, fa tsy mba nanadino ny didinao aho.

120
Hira fiakarana. [1]Niantso an'i Yaveh aho tao anatin'ny fahoriako, ka namaly ahy Izy. [2]Avoty ny aiko, ry Yaveh, amin'ireo mandainga amin'ny molotra ary mandiso fanantenana amin'ny lelany.
[3]Ahoana ny fomba hanasaziany anareo, ary inona no mbola ho ataony anareo, ianareo izay manana lela mpandainga?
[4]Ho saziany amin'ny zana-tsipìkan'ny mpiady izay norangitina tamin'ny vainafon'anjavidy ianareo.
[5]Lozako fa nipetraka vonjimaika tao Maseka aho; teo aloha aho nipetraka tamin'ireo lain'ny Kedarita. [6]Efa niaina maharitra niaraka tamin'ireo izay mankahala filaminana aho. [7]Izaho dia tia filaminana, saingy rehefa miteny aho, dia ho amin'ny ady izy ireo.

121
[1]Hira fiakarana. Hanopy ny masoko any an-tendrombohitra aho. Avy aiza moa ny famonjena ahy? [2]Ny famonjena ahy dia avy amin'i Yaveh, izay nahary ny lanitra sy ny tany.
[3]Izy dia tsy hamela ny tongotrao hibolisatra; Izy izay miaro anao dia tsy ho remana. [4]Indro, ny mpiandrin'Israely tsy mba rendremana na matory mihitsy.
[5]Yaveh no mpiandry anao; Yaveh no aloka eo ankavananao. [6]Tsy hanimba anao ny masoandro nony andro, na ny volana nony alina.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Yaveh hiaro anao amin'ny loza rehetra, ary hiaro ny ainao Izy. [8]Yaveh hiaro anao amin'ny zavatra rehetra ataonao anio ka ho mandrakizay.

122 Hira fiakarana, nataon'i Davida. [1]Faly aho rehefa nilaza tamiko izy ireo hoe: "Andeha isika ho ao an-tranon'i Yaveh."
[2]Ry Jerosalema, ny tongotray dia migadona ato amin'ny vavahadinao! [3]Ry Jerosalema, izay namboarina toy tanàna voalamina tsara!
[4]Ireo fokon'i Yaveh niakatra tany Jerosalema—ireo fokon'i Yaveh—mba ho fijoroana vavolombelona ho an'Israely, hanomezana fisaorana ny anaran'Yaveh. [5]Napetraka tany ireo seza fiandrianan'ny fitsarana, seza fiandrianan'ny tranon'i Yaveh.
[6]Mivavaha ho amin'ny fiadanan'ny Jerosalema! "Aoka izay tianao hanana fiadanana. [7]Aoka hisy fiadanana ao amin'ireo manda izay miaro anao, ary aoka izy ireo hanana fiadanana ao amin'ny fiarovana mafinao."
[8]ho an'ireo rahalahiko sy ireo namako dia hiteny aho hoe: "Ho eo aminareo anie ny fiadanana." [9]Ho an'ny tranon'i Yaveh Andriamanintsika, dia hitady ny mahasoa anareo aho.

123 Fihirana fiakarana. [1]Aminao no hanandratako ny masoko, Ianao izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana any an-danitra. [2]Indro, raha mijery ny tanan'ny tompony ny mason'ireo mpanompo lahy, raha mijery ny tanan'ny tompovaviny ny mason'ireo mpanompo vavy, dia mijery an'i Yaveh Andriamanitsika ny masontsika mandra-pamindràny fo amintsika.
[3]Manàna famindram-po aminay, Yaveh o, manàna famindram-po aminay, fa feno fanalam-baraka izahay. [4]Mihoatra lavitra noho ny feno ny faneson'ny mpanivaiva sy ny fanamavoan'ny mpirehareha izahay.

124 Fihirana fiakarana; nataon'i Davida. [1]"Raha tsy teo anilantsika Yaveh," dia aoka Israely hiteny hoe: [2]"raha tsy Yaveh no teo anilantsika rehefa nitsangana nanohitra antsika ny olona, [3]dia nihinana antsika velona izy ireo rehefa nirehitra tamintsika ny hatezeran'izy ireo.
[4]Mety efa voafafan'ny rano isika; ary nanafotra antsika ny riaka. [5]Avy eo ny rano misamboaravoara nahafaty antsika."
[6]Isaorana anie Yaveh, ilay namela antsika ho rembin'ny nifin'izy ireo. [7]Efa tafatsoaka toy ny vorona teo amin'ny fandrik'ireo mpihaza isika; simba ilay fandrika, ary afa-nandositra isika.
[8]Ao amin'i Yaveh, izay nahary ny lanitra sy ny tany no famonjena antsika.

125 Fihirana fiakarana. [1]Ireo izay mahatoky an'i Yaveh dia tahaka ny Tendrombohitra Ziona, tsy azo hozongozonina, maharitra mandrakizay. [2]Tahaka ireo tendrombohitra manodidina an'i Jerosalema, no hiodidinan'i Yaveh ny vahoakany ankehitriny sy mandrakizay. [3]Tsy tokony hanapaka ao amin'ny tanin'ny marina ny tehin'ny mpanao ratsy. Raha tsy izany dia mety hanao ratsy ny marina.
[4]Manaova ny tsara, amin'ireo izay tsara sy ireo izay mahitsy ao am-pon'izy ireo. [5]Fa raha ny amin'ireo izay miala amin'ny lalan-dratsin'izy ireo, dia hitarika azy ireo lavitra an'ireo mpanao ratsy Yaveh. Ho amin'Israely anie ny fiadanana.

126 [1]Fihirana fiakarana. Rehefa namerina ny haren'i Ziona i Yaveh, dia toy ireo manonofy isika.
[2]Avy eo feno fihomehezana ny vavantsika ary hira ny lelantsika. Dia hoy izy ireo tamin'ireo firenena hoe: "Nanao zavatra lehibe ho azy ireo Yaveh." [3]Nanao zavatra lehibe ho antsika Yaveh; endrey izany hafaliantsika!
[4]Yaveh o, avereno ny harenay, tahaka ny riaka ao Negeva. [5]Ireo izay mamafy am-pitomaniana dia hijinja amin'ny hiakam-pifaliana. [6]Izay mandeha mitomany, mitondra voa hafafy, dia hiverina amin'ny hikam-pifaliana indray, mitondra ny amboarany miaraka aminy.

127 [1]Fihirana sy fiakarana, nataon'i Solomona. Raha tsy Yaveh no manorina ny trano, dia miasa foana izy ireo, izay manorina izany. Raha tsy Yaveh no miandry ny tanàna, dia mijoro miambina foana ny mpiambina. [2]Zava-poana ho anareo ny mifoha maraina, sy hody tara any an-trano, na hihinana ny mofon'ny asa mafy, satria Yaveh no manome ho an'ny malalany raha matory izy ireo.
[3]Indro, lova avy amin'i Yaveh ny zanaka, ary tambiny avy Aminy ny vokatry ny kibo. [4]Tahaka ny tsipìka eny an-tanan'ny mpiady, dia toy izany koa ireo zanaky ny fahatanorana. [5]Akory ny hasambaran'ny olona izay manana ny tranon-jana-tsipìkany feno an'ireny. Tsy ho menatra izy rehefa miatrika ireo fahavalony eo am-bavahady.

128 Fihirana fiakarana. [1]Sambatra ny rehetra izay manome voninahitra an'i Yaveh, izay mandeha amin'ny lalany. [2]Izay omen'ny tananao, dia hankafizinao; ho sambatra sy hambinina ianao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Ho tahaka ny voaloboka mamokatra ao an-tranonao ny vadinao; ho tahaka ny zanak'oliva ireo zanakao raha mipetraka manodidina ny latabatrao izy ireo. [4]Eny, ho sambatra tokoa ny olona izay manome voninahitra an'i Yaveh. [5]Hitahy anao avy any Ziona anie Yaveh; hahita ny fanambinan'i Jerosalema mandritry ny androm-piainanao rehetra anie ianao. [6]Ho velona anie ianao mba hahita ireo zafikelinao. Ho amin'Israely anie ny fiadanana.

129 Fihirana fiakarana. [1]Aoka Israely hiteny hoe: "Matetika hatramin'ny fahatanorako dia nanafika ahy izy ireo."
[2]"Matetika hatramin'ny fahatanorako dia nanafika ahy izy ireo, nefa tsy nandresy ahy izy ireo. [3]Nangady ny lamosiko ireo mpangady; nataon'izy ireo lava ny vavasany.
[4]Marina Yaveh; nanapaka ny tadin'ilay ratsy Izy." [5]Aoka ho alaina baraka avokoa izy rehetra ary hiverina, dia ireo izay mankahala an'i Ziona.
[6]Ho tahaka ny ahitra eny an-tampon-trano izay malazo mialohan'ny hitomboan'izany anie izy ireo, [7]izay tsy afaka mameno ny tanan'ny mpijinja na ny tratran'izay mifehy amboara. [8]Aoka ireo izay mandalo tsy hiteny hoe: "Aoka ho aminao ny tso-dranon'i Yaveh; mitso-drano anao amin'ny anaran'i Yaveh izahay."

130 [1]Fihirana fiakarana. Niantso Anao tao amin'ny lalina aho, ry Yaveh. [2]Tompo o, henoy ny feoko; aoka hihaino tsara ny fangatahako famindram-po ny sofinao.
[3]Raha mandinika heloka Ianao, ry Yaveh, dia iza no hahatsangana, ry Tompo? [4]Fa misy famelàna miaraka Aminao, mba ho voahaja Ianao.
[5]Miandry an'i Yaveh aho, miandry ny fanahiko, ary manantena ao amin'ny teniny aho. [6]Miandry ny Tompo mihoatra noho ny mpiambina miandry ny maraina ny fanahiko.
[7]Ry Israely, manantenà an'i Yaveh. Mpamindra fo Yaveh, ary tena vonona hamela Izy. [8]Izy no hanavotra ny Israely amin'ireo fahotana rehetra.

131 Fihirana fiakarana; nataon'i Davida. [1]Ry Yaveh, tsy mirehareha ny foko na miavonavona ny masoko. Tsy manana fanantenana lehibe ho an'ny tenako aho na miahiahy ny tenako amin'ireo zavatra izay mihoatra ahy.
[2]Fa nampionona sy nampangina ny fanahiko tokoa aho; toy ny zaza nisara-nono tamin'ny reniny, ny fanahiko ao anatiko dia toy ny zaza nisara-nono. [3]Ry Israely, manantenà an'i Yaveh ankehitriny ary mandrakizay.

132 Fihirana fiakarana. [1]Ry Yaveh, nohon'ny amin'i Davida dia tsarovy ireo fahoriany rehetra. [2]Tsarovy ny fomba nianianany tamin'i Yaveh, ny fomba nanaovany voady tamin'Ilay Maherin'i Jakoba.
[3]Hoy izy hoe: "Tsy hiditra ny tranoko aho na hankao am-pandriako, [4]tsy hanome torimaso ny masoko aho na fialan-tsasatra ho an'ny hodi-masoko [5]mandra-pahitako toerana ho an'i Yaveh, ilay tabernakely ho an'Ilay Maherin'i Jakoba."
[6]Indro, nandre momba izany tany Efrata izahay; nahita izany tany amin'ny sahan'i Jara isika. [7]Handeha ho any amin'ny tabernakelin'Andriamanitra isika; hidera any amin'ny fitoeran-tongony isika. [8]Mitsangàna, ry Yaveh, amin'ny toeram-pialan-tsasatrao, Ianao sy ny fiaran'ny herinao!
[9]Ho ampiakanjoana tsy fivadihana anie ireo mpisoronao; hihiaka fifaliana anie ireo mahatokinao. [10]Nohon'ny amin'i Davida mpanomponao, dia aza miala amin'ny mpanjakanao voahosotra.
[11]Nianiana voady azo antoka tamin'i Davida i Yaveh, fianianana azo antoka izay tsy ho foanany hoe: "Hametraka iray amin'ireo taranakao ho eo amin'ny seza fiandriananao Aho. [12]Raha mihazona ny fanekeko sy ireo lalàna izay hampianariko azy ireo zanakao lahy, dia hipetraka eo amin'ny seza fiandriananao mandrakizay ihany koa ny zanak'izy ireo.
[13]Azo antoka fa nifidy an'i Ziona i Yaveh, naniry azy ho an'ny toerany Izy. [14]"Ity ny toeram-pitsaharako mandrakizay. Honina eto Aho, fa maniry azy Aho.
[15]Ho tahiako amin'ny famatsiana maro izy. Homeko fahafaham-po amin'ny mofo ny mahantrany. [16]Hampiankanjoko famonjena ireo mpisorony, hihiaka fifaliana ireo mahatokiny.
[17]Any no hanaovako tandroka hitsimoka ho an'i Davida sy hametrahako jiro ho an'ny voahosotro. [18]Hampiankanjoko henatra ireo fahavalony, fa eo aminy kosa no hamirapiratra ny satro-boninahiny."

133 Fihirana fiakarana, nataon'i Davida. [1]Indro, endrey ny hatsara sy hafinaritry ny mpirahalahy miara-monina!
[2]Tahaka ny diloilo tsara amin'ny loha araraka eo amin'ny volombava izany— volombavan'i Arona, ary avy eo araraka amin'ny moro-tongotry ny akanjo lavany izany. [3]Tahaka ny andon'i Hermona izay miraraka amin'ny tendrombohitra Ziona izany. Fa teo no nandidin'i Yaveh ny fitahiana— fiainana mandrakizay.

134

Fihirana fiakarana. [1]Avia, misaora an'i Yaveh, ianareo mpanompon'i Yaveh rehetra, ianareo izay manompo mandritry ny alina ao an-tranon'i Yaveh. [2]Asandrato any amin'ilay fitoerana masina ny tananareo ary misaora an'i Yaveh.
[3]Hitahy anareo avy any Ziona anie Yaveh, Izy izay nahary ny lanitra sy ny tany.

135 [1]Miderà an'i Yaveh. Miderà ny anaran'i Yaveh. Miderà Azy, ianareo ry mpanompon'i Yaveh, [2]ianareo izay mijoro ao an-tranon'i Yaveh, ao an-kianjan'ny tranon'ny Andriamanintsika.
[3]Miderà an'i Yaveh, fa tsara Izy; mihirà fiderana ho an'ny anarany, fa mahafinaritra ny manao izany. [4]Fa nisafidy an'i Jakoba ho an'ny tenany Yaveh, ary Israely ho fananany.
[5]Fantatrao fa lehibe Yaveh, ary ambonin'ny andriamanitra rehetra ny Tompontsika. [6]Na inona na inona irian'i Yaveh, dia ataony any an-danitra, eto an-tany, eny amin'ireo ranomasina sy ny rano lalina rehetra.
[7]Mitondra ny zavona avy lavitra Izy, manao tselatra miaraka amin'ny ranon'orana ary mamoaka ny rivotra avy ao an-trano fitehirizany.
[8]Namono ny voalohan-teraky ny Egypta Izy, na an'ny olona na biby. [9]Nandefa famantarana sy fahagagana teo afovoanareo, Egypta Izy, nanohitra an'i Farao sy ireo mpanompony rehetra.
[10]Nanafika firenena maro sy namono mpanjaka mahery Izy, [11]dia Sihona mpanjakan'ny Amorita sy Oga mpanjakan'i Basana ary ireo fanjakana rehetra ao Kanàna.
[12]Nomeny antsika ho lova ny tanin'izy ireo, lova ho an'Israely vahoakany. [13]Ny anaranao, ry Yaveh, dia maharitra mandrakizay; ny lazanao, ry Yaveh, dia maharitra manerana ny taranaka rehetra.
[14]Fa miaro ny vahoakany Yaveh ary manana fangoraham-po amin'ireo mpanompony. [15]Ny sampin'ireo firenena dia volafotsy sy volamena, asan'ny tanan'ireo olona. [16]Manam-bava ireo sampy, fa tsy miteny; mana-maso izy ireo, fa tsy mahita; [17]manan-tsofina izy ireo, fa tsy mandre, ary tsy misy fofon'aina ao ambavan'izy ireo. [18]Ireo izay manao azy ireo dia tahaka azy ireo, tahaka ny olona rehetra izay mahatoky azy ireo.
[19]Ry taranak'Israely, misaora an'i Yaveh; ry taranak'i Arona, misaora an'i Yaveh. [20]Ry taranak'i Levy, misaora an'i Yaveh; ianareo izay manome voninahitra an'i Yaveh, misaora an'i Yaveh. [21]Isaorana anie Yaveh any Ziona, Izy izay monina any Jerosalema. Miderà an'i Yaveh

136 [1]Manolora fisaorana ho an'i Yaveh; fa tsara Izy, fa maharitra mandrakizay famindram-pony. [2]Manolora fisaorana ho an'Andriamanitr'ireo andriamanitra, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony. [3]Manolora fisaorana ho an'ny Tompon'ny tompo, fa maharitra mandrakizay ny famindram_pony.
[4]Manolora fisaorana ho Azy fa Izy irery ihany no manao zava-mahagaga lehibe, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [5]fa tamin'ny fahendrena no nanaovany ny lanitra, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony.
[6]Manolora fisaorana ho Azy ilay namelatra ny tany ambonin'ny rano, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [7]ho Azy ilay nanao fahazavana lehibe, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony.
[8]Manolora fisaorana ho Azy ilay nanome ny masoandro mba hanapaka amin'ny andro, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [9]ny volana sy ireo kintana mba hanapaka amin'ny alina, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony.
[10]Manolora fisaorana ho Azy ilay namono ny lahimatoan'i Egypta, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [11]ary nitondra an'Israely nivoaka avy teo amin'izy ireo, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [12]tamin'ny tanana mahery sy sandry nisandratra, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony.
[13]Manolora fisaorana ho Azy ilay nanasaraka ny Ranomasina Mena, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [14]sy nampiapita an'Israely teo anelanelan'izany, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [15]fa kosa nandrendrika an'i Farao sy ny tafiny tao amin'ny Ranomasina Mena, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony.
[16]Manomeza fisaorana ho Azy ilay nitarika ny olony tany an'efitra, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [17]sy ho an'ilay namono ireo mpanjaka lehibe, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony.
[18]Manolora fisaorana ho Azy ilay namono ireo mpanajaka malaza, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [19]dia i Sihona mpanjakan'ny Amorita_fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [20]sy i Oga mpanjakan'i Basana, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony.
[21]Manolora fisaorana ho Azy ilay nanome ny tanin'izy ireo ho lova, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [22]dia lova ho an'Israely mpanompony, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [23]ho Azy ilay nahatsiaro antsika sy namonjy antsika tamin'ny fahafahambarakantsika, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony.
[24]Manolora fisaorana ho Azy ilay efa nanome fandresena antsika teo amin'ireo fahavalontsika, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony— [25]dia ilay nanome hanina ho an'ny zava-manan'aina rehetra, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony. [26]Oh, manomeza fisaorana ho an'Andriamanitry ny lanitra, fa maharitra mandrakizay ny famindram-pony.

137 [1]Teny amoron'ny reniranon'i Babylona izahay no nipetraka sy nitomany raha nahatsiaro ny amin'i Ziona. [2]Teo amin'ny hazomalahelo no nanantonanay ireo harpa anay tany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Tany no nangatahan'ireo mpambabo anay hihira, ary ireo izay naneso anay dia nangataka anay mba hifaly, nanao hoe: "Manaova hira iray amin'ireo hiran'i Ziona ho anay." [4]Ahoana no hahafahanay manao ny hira momban'i Yaveh aty amin'ny tany hafa?
[5]Raha manadino ny fahatsiarovana anao aho, ry Jerosalema, dia aoka tsy hahay hitendry intsony ny tanako ankavanana.
[6]Aoka ny lelako hiraikitra amin'ny lanilaniko raha toa tsy miheritreritra anao intsony aho, raha tsy tia an'i Jerosalema mihoatra ireo sitrako indrindra aho.
[7]Tsarovy, ry Yaveh, izay nataon'ireo Edomita tamin'ny andro naharava an'i Jerosalema. Hoy izy ireo: "Potipoteho izany, ravao hatrany amin'ny fotony."
[8]Ry zanaka vavin'i Babylona, tsy ho ela dia ho rava— aoka hotahiana ny olona, izay olona mamaly ny amin'izay efa nataonao anay. [9]Hotahiana anie ny olona, izay maka ary manorotoro ny zanakareo amin'ny vatolampy.

138 Salamo nataon'i Davida. [1]Hanome fisaorana Anao amin'ny foko manontolo aho; eo anatrehan'ireo andriamanitra no hihirako fiderana ho Anao. [2]Hiankohoka eo amin'ny tempolinao masina aho ary hanome fisaorana ny anaranao ny amin'ny fanekenao mahatoky sy ny amin'ny famendreham-pitokianao. Nanao ny teninao sy ny anaranao ho zava-dehibe mihoatra ny zavatra hafa rehetra Ianao.
[3]Tamin'ny andro niantsoako Anao, dia namaly ahy Ianao; nampahery sy nampatanjaka ny fanahiko Ianao. [4]Hanome fisaorana Anao ny mpanjakan'ny tany rehetra, ry Yaveh, fa handre ireo teny avy amin'ny vavanao izy ireo.
[5]Eny tokoa, hihira ireo asan'i Yaveh izy ireo, fa lehibe ny voninahitr'i Yaveh. [6]Fa na dia avo aza i Yaveh, dia mbola miahy ireo manetry tena, fa ny mpirehareha kosa dia fantany avy eny lavitra.
[7]Na dia mandeha eny afovoan'ny loza aza aho, dia hiaro ny aiko Ianao; haninjitra ny tananao hanohitra ny fahatezeran'ireo fahavaloko Ianao, ary hamonjy ahy ny tananao ankavanana. [8]Momba ahy hatramin'ny farany Yaveh; ny famindram-ponao, ry Yaveh, dia maharitra mandrakizay. Aza mahafoy ireo izay nataon'ny tananao.

139 [1]Ho an'ny mpivety hira. Salamo nataon'i Davida. Ry Yaveh, efa nandinika ahy Ianao, ary fantatrao aho. [2]Fantatrao aho rehefa mipetraka sy rehefa mitsangana; takatrao avy eny lavitra ny fisainako
[3]Mandinika ny lalako sy ny fatoriko Ianao; mahafantatra tsara ireo lalako rehetra Ianao. [4]Fa talohan'ny nisian'ny teny teo amin'ny lelako, dia fantatrao tanteraka izany, ry Yaveh. [5]Mihodidina eo anoloako sy ao aoriako Ianao ary mametraka ny tananao amiko. [6]Ny fahalalana toy izany dia sarotra loatra amiko, sady ambony loatra, ka tsy ho takatro izany.
[7]Aiza no hialako amin'ny fanahinao? Aiza no handosirako amin'ny fanatrehanao? [8]Raha miakatra any an-danitra aho, dia any Ianao; raha manao ny fandriako any amin'ny Fiainan-tsy hita aho, dia indro, fa any Ianao.
[9]Raha manidina amin'ny elatry ny maraina aho ary mandeha mba hitoetra any amin'ny faran'ny ranomasina, [10]ary na any aza mbola hitarika ahy ny tananao, ary ny tananao ankavanana hiazona ahy.
[11]Raha niteny aho hoe: "Handrakotra ahy tokoa ny haizina, ary ny hazavana ho tonga alina manodidina ahy," [12]na ny aizina aza dia tsy ho maizaina aminao. Ary ny alina hibaliaka tahaka ny andro, fa aminao dia mitovy ny aizina sy hazavana.
[13]Ianao no namorona ny tao anatiko; noforoninao tao an-kibon-dreniko aho. [14]Hidera Anao aho, fa mahatalanjona ny nanaovana ahy. Fantatry ny fanahiko tsara tokoa izany.
[15]Tsy niafina taminao ny taolako fony natao tao amin'ny miafina aho, fony aho novolavolaina fatratra tany amin'ny lalin'ny tany. [16]Nahita ahy tao am-bohoka Ianao; ny andro rehetra voatondro ho ahy dia efa voarakitra ao amin'ny bokinao na dia mbola tsy nitranga aza ny voalohany.
[17]Endrey ny hasarobidin'ny fiheveranao ahy, ry Andriamanitra! Akory ny hamaroan'ny fitambaran'izy ireo! [18]Raha andramako isaina ireo, dia maro an'isa nohon'ny fasika. Rehefa mifoha aho, dia mbola miaraka Aminao.
[19]Raha mba hamono ny ratsy fanahy Ianao, ry Andriamanitra; dia mialà amiko, ianareo olona mahery setra. [20]Mikomy aminao izy ireo ary maneho amim-pitaka; milaza lainga ireo fahavalonao.
[21]Moa ve tsy mankahala, ireo izay mankahala Anao aho, ry Yaveh? Moa ve tsy manao tsinontsinona ireo izay mitsangana hanohitra Anao aho? [22]Mankahala azy ireny tanteraka aho; efa lasa fahavaloko izy ireny.
[23]Diniho aho, Andriamanitra o, ary fantaro ny foko; zahao toetra aho ka fantaro ny fisainako. [24]Jereo raha misy fahazaran-dratsy ato anatiko, ary tario amin'ny lalana madrakizay aho.

140 Ho an'ny mpiventy hira. Salamo nataon'i Davida. [1]Yaveh o, vonjeo amin'ny ratsy fanahy aho; arovy amin'ny olona mahery setra aho. [2]Mikasa ratsy ao am-pony izy ireo; manangana ady isan'andro izy ireo. [3]Mandratra toy ny bibilava ny lelan'izy ireo; ny pozin'ny menarana no eo amin'ny molony. Sela
[4]Arovy amin'ny tanan'ny ratsy fanahy aho. ry Yaveh; arovy amin'ny olona mahery setra izay mikasa ny hamandrika ahy aho. [5]Efa nametraka fandrika ho ahy ny mpirehareha; efa nampiely ny harato izy ireo; efa nametraka fandrika ho ahy izy ireo. Sela

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Hoy aho tamin'i Yaveh: "Andriamanitro Ianao; mihainoa ny tomanim-piantrana." [7]Ry Yaveh, Tompoko o, tena afaka mamonjy ahy Ianao; miaro ny lohako amin'ny andron'ny ady Ianao. [8]Ry Yaveh, aza mamaly ny fanirian'ny ratsy fanahy; aoka tsy hahomby ny teti-dratsin'izy ireo. Sela
[9]Ireo izay manodidina ahy dia manatraka ny lohany; aoka ny sompatr'izy ireo ihany no hanarona ny molotr'izy ireo.
[10]Aoka hisy vain'afo hilatsaka eo amin'izy ireo; atsipazo ao anaty afo izy ireo, dia ao amin'ny lavaka tsy hita noanoa, ka tsy hiarina intsony. [11]Aoka ny olona mahay vava tsy hanamboatra fitoerana amin'ny tany; aoka ny loza hanosihosy ny ratsy fanahy mba hamonoana azy ho faty.
[12]Fantatro fa hitsara ny ory amin'ny indrafo i Yaveh, ary hanome rariny ireo mahantra. [13]Azo antoka fa ny olo-marina dia hisaotra ny anaranao; hiaina eo amin'ny fanatrehanao ireo olona mahitsy.

141 Salamo nataon'i Davida. [1]Ry Yaveh, mitaraina Aminao aho; faingàna hankaty amiko. Henoy aho raha miantso Anao.
[2]Aoka ny fivavako ho toy ny ditin-kazo manitra eo anatrehanao; aoka ho toy ny sorona hariva ny fanandratako ny tanako.
[3]Ry Yaveh, asio mpiambina eo amin'ny vavako; ambeno ny varavaran'ny molotro. [4]Aza avela hitsiriritra zava-dratsy ny foko na handray anjara amin'ny fahotana miaraka amin'ny olona izay mitondra tena ho ratsy. Aza avela hihinana ireo hanim-pin'izy ireo aho.
[5]Avelao ny olo-marina hamely ahy; fa ho fahalemem-panahy amiko izany. Aoka hanitsy ahy izy; ho toy ny diloilo eo amin'ny lohako izany; aoka ny lohako tsy handà fa hanaiky izany. [6]Fa ny fivavako dia manohitra ny asa ratsin'izy ireo mandrakariva. Hatsipy avy eny amin'ny tampon'ny hantsana ireo mpitarika azy ireo; ho ren'izy ireo fa ny teniko dia mahafinaritra. [7]Dia hilaza izy ireo hoe: "Tahaka ny olona miasa sy miady ny saha, dia efa voaparitaka tany am-bavan'ny fiainan-tsi hita ny taolanay."
[8]Aminao tokoa ny masoko, ry Yaveh, Tompo; ao Aminao no hialofako; aza mamela ny fanahiko tsy hisy mpiaro. [9]Arovy amin'ireo fandrika izay efa novelarin'izy ireo ho ahy aho, amin'ny ireo fandrik'ireo mpanao ratsy. [10]Aoka ny ratsy fanahy ho lavo amin'ny aratony raha mandositra aho.

142 Maskilan'i Davida, raha tao anaty zohy izy; Fivavahana. [1]Amin'ny feoko no itarainako famonjena amin'i Yaveh; amin'ny feoko no iangaviako ny fankasitrahan'i Yaveh. [2]Harotsako eo anoloany fitarainako; lazaiko aminy ireo fahoriako.
[3]Rehefa anaty ny fanahiko, dia Ianao mahalala ny lalako. Amin'ny lalana izay hizorako no nanafenan'izy ireo fandrika ho ahy. [4]Mijery ny ankavanako aho ary mahita fa tsy misy olona miraharaha ahy, tsy misy irika ho ahy; tsy misy olona miraharaha ny fiainako. [5]Niantso mafy Anao aho, ry Yaveh; ka nanao hoe: "Ianao no fialofako, anjarako eo amin'ny tanin'ny velona.
[6]Henoy ny antsoko, fa ory loatra aho; vonjeo amin'ny mpanenjika ahy aho, fa mahery noho izaho izy ireo. [7]Avoahy ao amin'ny tranomaizina ny fanahiko mba hahafahako manolotra fisaorana ny anaranao. Hiangona manodidina ahy ny olo-marina satria Ianao no efa tsara tamiko."

143 Salamo nataon'i Davida. [1]Henoy ny fivavako, ry Yaveh; mihainoa ireo fangatahako. Nohon'ny fahatokianao sy ny fahamarinanao, dia mamalia ahy! [2]Aza tsaraina ny mpanomponao, satria eo imasonao dia tsy misy olo-marina.
[3]Nanenjika ny fanahiko ny fahavaloko; nanenjika ahy hatrany ambanin'ny tany izy; nampitoetra ahy tao amin'ny fahamaizinana toy ireo izay maty efa ela izy. [4]Ketraka anaty ny fanahiko; mamoy fo aho.
[5]Mahatsiaro ireo andro fahiny aho; misaintsaina ireo asanao rehetra aho; misaintsaina ireo zava-bitanao. [6]Mamelatra ny tanako ho Anao amin'ny vavaka aho; mangetaheta Anao ny fanahiko any amin'ny tany karakaina. Sela
[7]Faingàna hamaly ahy, Yaveh o, fa reraka ny fanahiko. Aza manafina ny tavanao amiko, raha tsy izany dia ho lasa ho toy ireo izay midina any an-davaka aho. [8]Aoka ho reko ny famindram-ponao amin'ny maraina, satria matoky anao aho. Atoroy ahy ny lalana izay tokony halehako, fa manandratra ny fanahiko aminao aho.
[9]Avoty amin'ireo fahavaloko aho, ry Yaveh; mandositra ho eny aminao aho mba hiery. [10]Ampianaro aho hanao ny sitraponao, fa Andriamanitro Ianao. Ny Fanahinao tsara anie hitarika ahy any amin'ny tanin'ny fahitsiana.
[11]Ry Yaveh, noho ny amin'ny anaranao, hazomy ny fahavelomako; amin'ny fahitsianao ento miala amin'ny fahoriana ny fanahiko. [12]Amin'ny famindram-ponao esory ireo fahavaloko ary aringano ireo fahavalon'ny aiko rehetra, fa mpanomponao aho.

144 [1]Ho deraina anie Yaveh, vatolampiko, izay nanofana ny tanako ho amin'ny ady ary ny ratsan-tanako ho amin'ny ady. [2]Ianao no fanekeko mahatoky sy fiarovana mafy ho ahy, fiarovana avo ho ahy sy ilay mamonjy ahy, ampingako sy fialofako, ilay mapietry ireo firenena eo ambaniko.
[3]Yaveh o, inona izay olona no ho tsinjonao na ny zanak'olona no hiheveranao azy? [4]Toy ny fofon'aina ny olona; tahaka ny aloka mandalo ireo androny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Sokafy ny lanitra ka midìna, ry Yaveh; kasiho ireo tendrombohitra ka ampanetrohy. [6]Andefaso tsela-pahazavana ka aparitaho ireo fahavaloko; mitifira amin'ny zana-tsipìkanao ka ento miverina amin'ny fifanjevona izy ireo.
[7]Ahinjiro avy any ambony ny tananao; avoty aho hiala amin'ireo rano maro, amin'ny tanan'ireo olona hafa firenena. [8]Ny vavan'izy ireo miteny lainga, ary ny tanany havanana dia fitaka.
[9]Hihira fihiram-baovao ho Anao aho, Andriamanitra o; amin'ny valiha tory folo no hihirako fiderana ho Anao, [10]izay manome famonjena ho an'ireo mpanjaka, izay namonjy an'i Davida mpanomponao tamin'ny sabatry ny ratsy. [11]Avoty ary afaho amin'ny tanan'ireo olona hafa firenena aho. Ny vavan'izy ireo miteny lainga, ary ny tanany havanana dia fitaka.
[12]Ho toy ireo hazo maroroka anie ireo zanakay lahy amin'ny fahatanorany ary ireo zanakay vavy ho toy ny vato fehizoro voasokitra, miendrika toy ireo izay ao an-dapa. [13]Ny trano fitehirizanay anie ho feno ny karazam-bokatra rehetra, ary ny ondrinay anie hamokatra an'arivony sy an'aliny ao amin'ireo sahanay.
[14]Dia hanan'anaka maro ireo ombinay. Tsy hisy olona hamaky ireo mandanay; tsy hisy sesi-tany ary tsy hisy fitomaniana eo amin'ny lalanay. [15]Voatahy ny olona izay manana an'izany fitahiana izany; sambatra ny olona izay manana an'i Yaveh ho Andriamaniny.

145 Salamo fiderana. Nataon'i Davida. [1]Hanandratra Anao aho, ry Andriamanitro, mpanjaka o; hankalaza ny anaranao aho mandrakizay doria. [2]Hankalazanao Anao isan'andro aho; hidera ny anaranao aho mandrakizay doria. [3]Lehibe Yaveh ary mendrika hoderaina indrindra; tsy takatry ny saina ny fahalehibiazany.
[4]Ny taranaka rehetra hidera ireo asanao amin'izay mandimby azy sy hanambara ireo asanao mahery. [5]Hisaintsaina ny lazan'ny voninahitrao sy ireo asanao mahagaga aho.
[6]Hiteny momban'ny herin'ny fahatsaran'ireo asanao izy ireo, ary hanambara ny fahalehibiazanao aho. [7]Hanambara ny fitobahan'ny fahatsaranao izy ireo, ary hihira momban'ny fahamarinanao.
[8]Miantra sy mpamindra-po Yaveh, tsy mora tezitra ary be famindram-po. [9]Tsara amin'ny rehetra Yaveh; manerana ny asany rehetra ny fiantràny.
[10]Izay rehetra namboarinao dia hanolotra fisaorana ho Anao, ry Yaveh; ireo mahatokinao hisaotra Anao. [11]Ireo mahatokinao hanambara ny voninahitry ny fanjakanao, ary hilaza ny herinao izy ireo. [12]Hampahafantarin'izy ireo ny zanak'olombena ireo herin'ny asan'Andriamanitra sy ny hatsaran'ny famirapiratan'ny fanjakany.
[13]Ny fanjakanao dia fanjakana maharitra mandrakizay, ary ny fanapahanao dia haharitra hatramin'ny taranaka rehetra.
[14]Yaveh manohana izay rehetra lavo ary manangana izay rehetra mitanondrika. [15]Ny mason'ny rehetra miandry Anao; homenao azy ireo amin'ny fotoana mety ny haniny. [16]Mamelatra ny tananao Ianao ary mahafapo ny fanirian'ny zava-manan'aina rehetra.
[17]Marina Yaveh amin'ny lalany rehetra ary mpamindrafo amin'izay ataony rehetra. [18]Akaikin'izay rehetra miantso Azy Yaveh, amin'izay rehetra miantso Azy amin'ny fahamendreham-pitokiana. [19]Manatanteraka ny fanirian'izay manaja Azy Izy; mandre ny fitarainan'izy ireo Izy ary mamonjy azy ireo.
[20]Miambina izay rehetra tia azy i Yaveh, fa horavainy ireo rehetra ratsy fanahy. [21]Hanambara fiderana an'i Yaveh ny vavako; aoka ny olombelona rehetra hidera ny anarany masina mandrakizay doria.

146 [1]Miderà an'i Yaveh. Miderà an'i Yaveh, ry fanahiko. [2]Hanome fiderana ho an'i Yaveh aho amin'ny fiainako rehetra; hihira fiderana ho an'Andriamanitro aho raha mbola miaina koa.
[3]Aza mametraka ny fitokianao amin'ireo andriana na ny olombelona, amin'izay tsy misy famonjena. [4]Rehefa mitsahatra ny fofon'ain'ny olona, dia hody amin'ny tany izy; amin'izany andro izany no tapitra ny fikasany.
[5]Sambatra izay manana an'Andriamanitr'i Jakoba hanampy azy, izay manana fanantenana ao amin'i Yaveh Andriamaniny. [6]Nanao ny lanitra sy ny tany Yaveh, ny ranomasina, sy izay rehetra ao aminy; mitandrina fahamendreham-pitokiana mandrakizay Izy.
[7]Manatanteraka fahamarinana ho an'ny nampahoriana Izy ary manome hanina ny noana. Manafaka ny gadra Yaveh;
[8]Manokatra ny mason'ny jamba Yaveh; Manangana izay miankohoka i Yaveh; Yaveh tia ny olon-marina.
[9]Yaveh miaro ny vahiny amin'ny tany; manandratra ny kamboty sy ny mpitondratena izy, fa manohitra ny ratsy fanahy kosa. [10]Hanjaka mandrakizay Yaveh, Andriamanitrao, ry Ziona, amin'ny taranaka rehetra. Miderà an'i Yaveh.

147 [1]Miderà an'i Yaveh, fa tsara ny mihira fiderana an'Andriamanitsika, mahafinaritra izany, ary mety ny midera.
[2]Manangana an'i Jerosalema indray Yaveh, mampikambana ny vahoakan'Israely niely Izy. [3]Manasitrana ny torotoro fo izy ary mamehy ny ferin'izy ireo.
[4]Manisa ireo kintana izy, ary manome anarana azy rehetra. [5]Lehibe ny Andriamanitsika ary mahagaga ny heriny, ny fahazavan-tsainy tsy azo refesina.
[6]Manandratra ny ory Yaveh, ary mampietry ny ratsy fanahy amin'ny tany. [7]Mihirà ho an'i Yaveh amin'ny fisaorana, mihirà fiderana amin'ny lokanga ho an'Andriamanitsika.
[8]Manarona ny lanitra amin'ireo rahona Izy ary manomana ranon'orana ho an'ny tany, mampaniry ny ahitra amin'ireo tendrombohitra. [9]Manome hanina ho an'ireo biby Izy ary an'ireo goaika tanora rehefa mitaraina ireny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Tsy mahita sitraka eo amin'ny herin'ny soavaly izy, tsy mahazo fafinaretana amin'ny tanjaky ny tongotry ny olona Izy.
[11]Yaveh dia mankasitraka ireo izay manaja azy, izay manantena ny famindram-pony.
[12]Miderà an'i Yaveh, ry Jerosalema, miderà an'Andriamanitrao, ry Ziona. [13]Fa manamafy ny hidim-bavahadinao Izy, mitahy ireo zanakao eo aminao Izy. [14]Mitondra fanambinana ao anatin'ireo fari-taninao Izy, mahafapo anao amin'ny vary tritrika tsara Izy.
[15]Mandefa ny didiny eo amin'ny tany Izy, ny didiny mihazakazaka mafy. [16]Manao ny oram-panala ho toy ny volon'ondry Izy, mampiely ny fanala toy ny lavenona izy.
[17]Mizara ny havandra toy ny poti-javatra Izy, iza no hahazaka ny hatsiaka halefany? [18]Mandefa ireo didiny Izy ary mampiempo izany, mampitsoka ny rivotra ary mampikoriana ny rano izy.
[19]Nambarany amin'i Jakoba ny teniny, ny didiny sy ireo lalà-mariny amin'Israely. [20]Tsy mba nanao toy izany tamin'ny firenen-kafa izy, ary ny amin'ireo didiny, dia tsy fantatr'izy ireo izany. Miderà an'i Yaveh.

148 [1]Miderà an'i Yaveh. Miderà an'i Yaveh, ianareo any an-danitra; miderà Azy, ianareo any amin'ny avo. [2]Miderà azy, ry anjeliny rehetra; miderà Azy, ry miaramilany rehetra.
[3]Miderà Azy, ry masoandro amam-bolana; miderà Azy, ry kintana mamiratra rehetra. [4]Miderà Azy, ry avo indrindra amin'ny lanitra ary ianareo rano izay eny ambanin'ny habakabaka.
[5]Aoka hidera ny anaran'i Yaveh ireo, fa Izy no nanome ny didy, ary dia nohariana ireo. [6]Nampitoetra azy ireo mandrakizay doria Izy; Nomeny lalàna ireo ka tsy hiova mihintsy.
[7]Miderà Azy ety an-tany, ianareo dragona sy lalin'ny ranomasimbe rehetra, [8]ny afo sy havandra, ny oram-panala sy ny zavona, ny rivo-mahery manatanteraka ny teniny.
[9]Miderà Azy, ry tendrombohitra sy havoana rehetra, ry hazo mamoa sy sedera rehetra, [10]ry bibidia sy ny voafolaka, ireo zava-manan'aina izay mandady ary ireo voro-manidina.
[11]Miderà an'i Yaveh, ry mpanjakan'ny tany sy ny firenena rehetra, ry andriana sy izay manapaka eo amin'ny tany, [12]ry tovolahy sy tovovavy, ny antitra sy ny tanora.
[13]Aoka hidera ny anaran'i Yaveh ireo, fa ny anarany irery ihany no asandratra ary ny voninahiny hihitatra amin'ny tany sy ny lanitra. [14]Efa nanandratra ny tandroky ny olony ho fiderana ho an'ny olony mahatoky Izy, dia ny Israelita, ilay vahoaka akaiky Azy. Miderà an'i Yaveh.

149 [1]Miderà an'i Yaveh. Mihirà fihiram-baovao ho an'i Yaveh; mihirà fihirana ho Azy ao amin'ny fiangonan'ireo olona mahatoky.
[2]Aoka ny Israely hifaly amin'ilay nanao azy ireo; aoka ny olon'i Ziona hifaly amin'ny mpanjakan'izy ireo. [3]Aoka izy ireo hidera ny anarany amin'ny dihy; aoka izy ireo hihira fiderana ho azy amin'ny ampongatapaka sy harpa.
[4]Fa Yaveh dia mankasitraka ny olony; mankalaza ny mpanetry tena amin'ny famonjena Izy. [5]Aoka ny olona masina hifaly amin'ny fandresena; aoka hihira fifaliana ao am-pandriany izy ireo.
[6]Ho amin'ny vavan'izy ireo anie ny fiderana an'Andriamanitra ary ny sabatra roa lelana ho eo an-tanany [7]mba hanatanterahana valifaty amin'ireo firenena maro sy fihetsika manafay ny olona.
[8]Hamatotra ny mpanjakany amin'ny rojo izy ireo ary ny manan-kaja amin'ny rojovy. [9]Hampihatra ny fitsarana izay voasoratra izy ireo. Izany dia ho voninahitra ho an'ny olony mahatoky rehetra. Miderà an'i Yaveh.

150 [1]Miderà an'i Yaveh. Miderà an'Andriamanitra ao amin'ny fioterany masina; miderà Azy eny amin'ny habakabaka mahery. [2]Miderà azy amin'ny asany mahery, miderà azy amin'ny fahalehibiazany mihoapapana.
[3]Miderà Azy amin'ny fitsofana anjomara; miderà Azy amin'ny lokanga sy ny harpa. [4]Miderà Azy amin'ny ampongatapaka sy ny dihy; miderà Azy amin'ny valiha sy ny sodina. [5]Miderà Azy amin'ny kipantsona maneno; miderà Azy amin'ny feo mafin'ny kipantsona maneno.
[6]Aoka izay rehetra manam-pofon'aina hidera an'i Yaveh. Miderà an'i Yaveh.

Ohabolana

1 [1]Ireo ohabolan'i Solomona zanak'i Davida, mpanjakan'Israely. [2]Ireto ohabolana ireto dia natao mba hampianatra fahendrena sy torolalana, hampianatra ireo tenin'ny fahalalana, [3]hahazoanao torolalana mba hiaina amin'ny fanaovana ny marina, rariny, ary ny hitsiny.
[4]Ireto ohabolana ireto ihany koa dia natao hanome fahendrena ho an'ny kely saina, ary hanome fahalalana sy fahamalinana ho an'ny tanora. [5]Aoka ny olon-kendry hihaino ka hampitombo ny fahalalany, ary aoka ny olona mahay manavaka hahazo tari-dalana, [6]mba hahatakatra ireo ohabolana, ireo oham-pitenenana, sy ny tenin'ny olon-kendry mbamin'ireo ankamantany.
[7]Ny tahotra an'i Yaveh no fiandoham-pahalalana— ny adala manamavo ny fahendrena sy ny fampianarana. [8]Ry zanako, henoy ny fampianaran-drainao ary aza miala amin'ny fitsipiky ny reninao; [9]ho fehiloha tsara tarehy ho an'ny lohanao ireny ary rado mihantona eo amin'ny tendanao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Ry zanako, raha mitady haningotra anao ho amin'ny fahotan'izy ireo ny mpanota, dia aza manaiky hanaraka azy. [11]Raha hoy izy ireo hoe: "Avia hiaraka aminay, andeha isika hanotrika hamono olona, andeha isika hiafina ka hamely olona tsy manan-tsiny amin'ny tsy misy antony.
[12]Andeha hatelintsika velona ireny, tahaka ny fakàn'ny Fiainan-tsy Hita ireo izay salama, ary hanao azy ireo ho toy ireo izay milatsaka an-davaka. [13]Ho hitantsika ireo karazan-javatra sarobidy rehetra; ho fenointsika amin'izay hangalarintsika amin'ny hafa ny tranontsika. [14]Atsipazo miaraka aminay ny filokanareo; hanana poketra iray ihany isika rehetra."
[15]Ry zanako, aza mandeha midina amin'izany lalana izany miaraka amin'izy ireo; aza avela hikasika izay halehany ny tongotrao; [16]mihazakazaka ho amin'ny ratsy ny tongony ary maika handatsa-drà izy ireo. [17]Fa tsy misy dikany ny hamelarana harato hamandrihana vorona raha mitazana ilay vorona.
[18]Mikotrika hamono ny tenany ihany ireny olona ireny— manao vela-pandrika ho an'ny tenany izy ireo. [19]Toy izany koa ny lalan'ny olona rehetra izay mahazo harena amin'ny tsy rariny; ny harena azo amin'ny tsy rariny manaisotra ny ain'ireo izay mifikitra amin'izany.
[20]Mivazavaza eny an-dalana ny fahendrena, mampiakatra ny feony eny ankalamanjana izy; [21]eny amin'ireo loha-lalana mikotaba no hitabatabany, eny amin'ny fidirana eny amin'ny vavahadin'ny tanàna no hitenenany hoe: [22]"Ho mandra-pahoviana, ianareo ry olona kely saina, no hitia ny habadoana? Ho mandra-pahoviana, ianareo ry mpandrabiraby, no hankamamy ny fandrabirabiana, ary ho mandra-pahoviana, ianareo ry adala, no hankahala ny fahalalana?
[23]Tandremo tsara ny fananarako; hararako aminareo ny fihevitro; hataoko fantatrareo ny teniko. [24]Efa niantso aho, ary nandà ny hihaino ianareo; naninjitra ny tanako aho, saingy tsy nisy niraharaha. [25]Fa nodianareo fanina ny fampianarako rehetra ary tsy nohenoinareo ny fananarako.
[26]Hihomehy ny lozanareo aho, handatsa anareo aho rehefa tonga ny horohoro— [27]rehefa tonga tahaka ny tafiotra ny fandringanana mampatahotra ary mifaoka anareo tahaka ny tadio ny loza, rehefa tonga aminareo ny fahoriana sy ny fangirifiriana.
[28]Dia hiantso ahy izy ireo, fa tsy hamaly aho; hiantso ahy fatratra izy ireo, fa tsy hahita ahy. [29]Satria mankahala fahalalana izy ireo ary tsy nifidy ny tahotra an'i Yaveh, [30]tsy nanaraka ny fampianarako izy ireo, ary nanamavo ny fananarako rehetra.
[31]Hihinana ny vokatry ny lalany izy ireo, ary ny vokatry ny teti-dratsin'izy ireo no hameno azy. [32]Fa voavono ny kely saina rehefa mivily, ary hamotika azy ny tsy firarahian'ny adala. [33]Fa na iza na iza mihaino ahy dia hiaina am-pilaminana ary ho voaaro tsy hatahotra loza."

2 [1]Ry zanako, raha mandray ny teniko ianao ary raketinao ao aminao ireo didiko, [2]dia aoka ny sofinao hitandrina tsara ny fahendrena ary atongilano ho amin'ny fahazavan-tsaina ny fonao.
[3]Raha mihiakiaka ho amin'ny fahazavan-tsaina ianao ary mampiaka-peo ho amin'izany, [4]raha mitady izany tahaka ny hitadiavanao volafotsy ianao ary mitady ny fahazavan-tsaina tahaka ny fitady harena miafina, [5]dia ho fantatrao ny tahotra an'i Yaveh ary ho hitanao ny fahalalana an'Andriamanitra.
[6]Fa manome fahendrena i Yaveh, avy amin'ny vavany no hiavian'ny fahalalana sy fahazavan-tsaina. [7]Mitahiry ny fahendrena tsara ho an'ireo izay ankasitrahany Izy, Izy no ampingan'ireo izay mandeha amin'ny fahitsiana, [8]miambina ireo lalan'ny rariny Izy ary hiaro ny lalan'ireo izay mahatoky Azy.
[9]Dia ho tsapanao ny fahamarinana, ny rariny, sy ny hitsiny, ary ny lalana tsara rehetra. [10]Fa hiditra ao am-ponao ny fahendrena, ary hahafinaritra ny fanahinao ny fahalalana.
[11]Hiaro anao ny fahamalinana, ary hiambina anao ny fahazavan-tsaina. [12]Hanavotra anao amin'ny lalan-dratsy ireo, amin'ireo izay miteny zava-dratsy, [13]izay mandao ireo lalan'ny fahamarinana ary mandeha amin'ny lalan'ny fahamaizinana.
[14]Mifaly izy ireo rehefa manao ratsy ary finaritra amin'ny fahavetavetan'ny ratsy. [15]Manaraka lala-meloka izy ireo, ary nampiasa ny fitaka hanafenana ny lalany.
[16]Fahendrena ary fahamalinana no hanavotra anao amin'ny vehivavy janga, amin'ny vehivavy ratsy fitondran-tena sy ny teniny mandoka. [17]Mahafoy ny sakaizan'ny fahatanorany izy ary manadino ny fanekeny tamin'ny Andriamaniny.
[18]Fa ny tranony mitarika amin'ny fahafatesana ary ireo lalany hitondra anao ho amin'ireo izay any am-pasana. [19]Izay rehetra miditra ao aminy dia tsy hiverina intsony ary tsy hahita ny lalan'ny fiainana izy ireo.
[20]Dia handeha amin'ny lalan'ny olona tsara ianao ary hanaraka ireo lalan'ny olo-marina. [21]Fa ireo manao ny marina no hanao fonenana eo amin'ny tany, ary ireo tsy mivadika no hitoetra ao amin'izany. [22]Fa ny ratsy fanahy hofongorona eo amin'ny tany, ary ny tsy manam-pinoana hofongorona eo amin'izany.

3 [1]Ry zanako, aza manadino ny didiko ary tano ao am-ponao ny fampianarako, [2]fa andro lava sy taona maro hiainana ary fiadanana no hanampian'ireo anao.
[3]Aza avela handao anao ny tsy fivadiham-panekena sy ny fahamendreham-pitokisana, hampifamatory eo amin'ny vozonao ireo, ary raketo ao amin'ny vato fisaky ny fonao. [4]Dia hahita fitia sy ho tsara laza eo imason'Andriamanitra sy ny olona ianao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Matokia an'i Yaveh amin'ny fonao manontolo ary aza miankina amin'ny fahalalanao ihany; [6]maneke Azy amin'ny lalanao rehetra ary Izy no hampahitsy ny lalanao.
[7]Aza hendry eo imasonao ihany; matahora an'i Yaveh ka ialao ny ratsy. [8]Ho fanasitranana ho an'ny nofonao ary famelombelomana ho an'ny vatanao izany.
[9]Manajà an'i Yaveh amin'ny harenao sy ny voaloham-bokatry ny vokatrao rehetra, [10]dia ho feno ny trano fitehirizam-bokatrao ary ho vaky hitobatobaka ny fitoeram-boalobokao, feno divay vaovao.
[11]Ry zanako, aza manamavo ny fampianaran'i Yaveh ary aza mankahala ny fibedesany, [12]fa ireo izay tiany no faizin'i Yaveh, toy ny ataon'ny ray amin'ny zanany izay ankasitrahany.
[13]Sambatra izay mahita fahendrena; fa mahazo fahazavan-tsaina ihany koa izy. [14]Tsara noho izay omen'ny volafotsy ny azonao avy amin'ny fahendrena ary ny tombony dia tsara mihoatra ny volamena.
[15]Sarobidy noho ny firavaka ny fahendrena ary tsy misy azonao ampitahaina aminy izay mety ho irianao. [16]Andro lava no eo an-tanany ankavanana; ary harena sy voninahitra no eo an-tanany ankavia.
[17]Lalan'ny fahalemem-panahy ny lalany ary fiadanana avokoa ny lalany rehetra. [18]Izy no hazon'aina ho an'ireo izay mihazona izany, sambatra ireo izay mifikitra amin'izany.
[19]Tamin'ny fahendrena no nanorenan'i Yaveh ny tany, tamin'ny fahazavan-tsaina no nampitoerany ny lanitra. [20]Tamin'ny fahalalany no nitriaran'ny lalina ary nampilatsaka ny andony ny rahona.
[21]Ry zanako, tano ny fitsarana sy fahaiza-manavaka marina, ary aza alàna amin'ny masonao izany. [22]Ho aina ho an'ny fanahinao ireny ary ravaky ny fankasitrahana hanaovana manodidina ny tendanao.
[23]Dia handeha amin'ny lalanao am-pilaminana ianao ary tsy ho tafintohina ny tongotrao; [24]rehefa mandry ianao, dia tsy hatahotra; rehefa mandry ianao, dia ho mamy ny torimasonao.
[25]Aza matahotra ny horohoro avy tampoka na ny fandravana ataon'ny ratsy fanahy, rehefa tonga izany, [26]fa Yaveh no ho eo anilanao ary hiaro ny tongotrao tsy ho voan'ny fandrika.
[27]Aza mamihina ny soa amin'ireo izay mendrika izany, raha ao amin'ny herinao ihany ny hiasa. [28]Aza miteny amin'ny namanao hoe: "Mandehana, ka tongava indray, ary rahampitso no hanomezako izany," raha hanananao any aminao ihany ilay vola.
[29]Aza manao tetika hanisy ratsy ny namanao— dia ilay monina eo akaikinao ary matoky anao. [30]Aza mifanditra amin'ny olona amin'ny tsy antony, raha tsy nanisy ratsy anao izy.
[31]Aza mialona ny olona maherisetra na misafidy izay lalany. [32]Fa maharikoriko amin'i Yaveh ny olona maniasia, fa hampitokiany aminy kosa ny olona mahitsy fo.
[33]Eo amin'ny tranon'ny ratsy fanahy ny fanozonan'i Yaveh, fa mitahy ny fonenan'ny olo-marina kosa Izy. [34]Mandatsa ny mpandrabiraby Izy, fa manome sitraka ho an'ny olona manetry tena.
[35]Ny olon-kendry mandova voninahitra, fa ny adala kosa dia hisandratra amin'ny fahamenarany.

4 [1]Mihainoa, ny fampianaran'ny ray, ry zanako, ary mitandrema mba hahafantaranareo ny atao hoe fahazavan-tsaina.
[2]Manome fampianarana tsara anao aho; aza mahafoy ny fampianarako.
[3]Tamin'ny mbola naha-zanaky ny raiko ahy, ilay mora fanahy ary zanaka tokan'ny reniko, [4]dia nampianatra ahy izy ary niteny tamiko hoe: "Aoka ny fonao hihazona mafy ireo teniko; tandrovy ireo didiko dia ho velona ianareo.
[5]Mahazoa fahendrena sy fahazavan-tsaina; aza manadino ary aza mandà ireo tenin'ny vavako; [6]aza afoy ny fahendrena ary hiambina anareo izy; tiavo izy dia hiaro anareo.
[7]Ny fahendrena no zava-dehibe indrindra, koa mahazoa fahendrena ary lanio izay anananareo rehetra mba hahazoanareo fahazavan-tsaina. [8]Aoka ho lalainao ny fahendrena dia hanandratra anareo izy; hanaja anareo izy raha mamihina azy ianareo. [9]Hametraka fehiloham-panajana eo ambonin'ny lohanareo izy; ary hanome anareo satro-boninahitra tsara tarehy."
[10]Mihainoa, ry zanako, ary tandremo ny teniko, dia hanana taona maro hiainana ianao. [11]Hanoro lalana anao amin'ny lalam-pahendrena aho; ary hitarika anao ho amin'ireo lalana mahitsy aho. [12]Rehefa mandeha ianao, dia tsy hisy olona hijoro amin'ny lalanao ary raha mihazakazaka ianao, dia tsy ho tafintohina.
[13]Hazony ireo torolalana, aza avela handeha; tazony, fa fiainanao izany. [14]Aza manaraka ny lalan'ny ratsy fanahy ary ary aza mandeha manaraka ny lalan'ireo izay manao ratsy. [15]Handosiro izany, ary aza mandeha amin'izany; mialà amin'izany ary mandehàna amin'ny lalan-kafa.
[16]Fa tsy afa-matory izy ireo mandra-panaovany ratsy ary very torimaso izy ireo mandra-panafintohiny olona. [17]Fa izy ireo dia mihinana ny mofon'ny faharatsiana ary misotro ny divain'ny herisetra.
[18]Fa ny lalan'ny olo-marina dia toy ny hazavana voalohany izay mihamazava; mamirapiratra izany mandra-pihavian'ny andro mazava. [19]Ny lalan'ny ratsy fanahy dia toy ny aizina— tsy fantatr'izy ireo izay manafintohina azy ireo.
[20]Ry zanako, tandremo ny teniko; atongilano amin'ny teniko ny sofinao. [21]Aza avela hiala amin'ny masonao ireo; tano ao am-ponao izany.
[22]Fa ny teniko dia aina ho an'ireo izay mahita azy ary fahasalamana ho an'ny vatan'izy ireo iray manontolo. [23]Arovy ny fonao ary ambeno amin'ny fitandremana rehetra izany, fa avy amin'izany no hikorianan'ny loharanon'aina.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Esory eo aminao ny teny mivilambilana ary ny teny manimba lavitra anao. [25]Aoka ny masonao hijery mahitsy sy hibanjina mahitsy ny eo alohanao.
[26]Manamboara lalana mahitsy ho an'ny tongotrao; dia hilamina ny lalanao rehetra. [27]Aza mivily ho amin'ny ankavia na ankavanana; alaviro amin'ny ratsy ny tongotrao.

5 [1]Ry zanako, tandremo ny fahendreko; atongilano amin'ny fahazavan-tsaiko ny sofinao, [2]mba hianatra momba ny fahamalinana ianao ary hiaro fahalalana ny molotrao.
[3]Fa ny molotry ny vehivavy mpijangajanga mitete tantely ary ny vavany dia malama noho ny diloilo, [4]nefa any am-parany dia hangidy tahaka ny hazo mahafaty izy, manapaka tahaka ny sabatra maranitra.
[5]Midina mankany amin'ny fahafatesana ny tongony; ary ny diany mizotra ho any amin'ny Fiainan-tsy hita. [6]Tsy mihevitra ny lalan'ny fiainana izy. Mirenireny ny dian-tongony; ary tsy fantany izay alehany.
[7]Ankehitriny, ry zanako, mihainoa Ahy; aza mivily amin'ny fihainona ny tenin'ny vavako. [8]Alaviro azy ny lalanao ary aza manakaiky ny varavaran'ny tranony.
[9]Amin'izany dia tsy hanome ny voninahitrao amin'ny hafa ianao na ny taona iainanao ho an'ny olon-dozabe; [10]tsy hifety amin'ny harenao ireo vahiny; ary izay efa niasanao dia tsy ho tonga ao an-tranon'ireo vahiny.
[11]Amin'ny faran'ny adrom-piainanao dia hisento ianao rehefa hihaosa ny nofonao sy ny vatanao. [12]Hiteny ianao hoe: "Indrisy ny fankahalako ny fampianarana sy fanaovan'ny foko tsinotsinona ny fanitsiana!
[13]Tsy nankatò ireo mpampianatro aho na nanongilana ny sofiko tamin'ireo mpananatra ahy. [14]Efa rava tanteraka aho teo afovoan'ny fiangonana, teo amin'ny fivorian'ny olona."
[15]Misotroa rano avy ao amin'ny famorian-dranonao ary misotroa rano mikoriana avy ao amin'ny lava-dranonao. [16]Moa tokony hiboiboika na aiza na aiza ve ny loharanonao ary hikoriana eny ankalamanjana ny loharanonao? [17]Aoka ho anao irery ihany ireny fa tsy ho an'ireo vahiny miaraka aminao.
[18]Ho voatahy anie ny loharanonao ary aoka hifaly amin'ny vadin'ny fahatanoranao ianao, [19]fa diera mahate-ho tia izy ary osidia soa. Aoka hahafa-po anao amin'ny fotoana rehetra ny nonony; aoka ho mamon'ny fitiavany mandrakariva anie ianao.
[20]Fa nahoana ianao, ry zanako, no tokony babon'ny vehivavy janga; nahoana ianao no tokony hamihina ny tratran'ireo vehivavy ratsy fitondran-tena? [21]Mahita ny zavatra ataon'ny olona rehetra i Yaveh ary mijery ny lalana alehany rehetra.
[22]Ny olona ratsy fanahy dia azon'ny fahamelohany ihany; ireo kofehin'ny fahotany no hamatotra azy mafy. [23]Ho faty nohon'ny tsy fahampian'ny fampianarana izy; voatarika any amin'ny lalan-diso nohon'ny haben'ny fahadalany izy.

6 [1]Ry zanako, raha nanokana ny volanao ho antoka amin'ny findraman'ny namanao ianao, raha nampanantena fampindramam-bola ho an'ny olona tsy fantatrao ianao, [2]dia efa nametraka fandrika ho an'ny tenanao tamin'ny fampanantenanao ianao, ary efa voasingotry ny teny naloaky ny vavanao.
[3]Raha voasingotry ny teninao ianao, ry zanako, dia ataovy izao ka vonjeo ny tenananao, satria efa lavo teo an-tanan'ny namanao ianao; mandehana ka manetre-tena ary miangavia eo anatrehan'ny namanao.
[4]Aza avela hatory ny masonao ary aza avela rendrehana ny hodi-masonao. [5]Vonjeo ny tenanao tahaka ny gazela eny an-tanan'ny mpihaza, tahaka ny vorona eo an-tanan'ny mpamandri-borona.
[6]Jereo ny vitsika, ry olo-malaina, diniho ny fanaony ka hendre. [7]Tsy manana komandy, mpifehy, na mpanapaka izy, [8]kanefa mamory ny sakafony amin'ny fahavaratra ary mandritra ny fararano no hitehirizany izay hohaniny.
[9]Mandra-pahoviana no hatorianao, ry olo-malaina? Rahoviana no hifohazanao amin'ny torimasonao? [10]"Torimaso kely, faharendrehana kely, famoretan-tanana kely mba hialana sasatra"— [11]ary dia ho avy tahaka ny mpangalatra ny fahantranao ka ny filànao tahaka ny miaramila mirongo fiadiana.
[12]Ny olom-poana—ny olona ratsy fanahy— dia miaina amin'ny fahamelohan'ny teniny, [13]mipi-maso, manome famantarana amin'ny tongony ary manondro amin'ireo ratsan-tanany.
[14]Manao teti-dratsy sy fitaka ao am-pony izy; manetsika fifandirana mandrakariva izy. [15]Noho izany dia hahatratra azy tampoka ny lozany; ao anatin'ny fotoana fohy dia ho potika lavitry ny fanasitranana izy.
[16]Misy zavatra enina halan'i Yaveh, fito izay maharikoriko Azy.
[17]Ny mason'ny olona mpirehareha, ny lela mpandainga, ny tanana mpandatsa-dràn'ny olona tsy manan-tsiny, [18]ny fo mamorona sain-dratsy, ny tongotra izay mailaka amin'ny fiazakazahana hanao ratsy, [19]ny vavolombelona izay mamoaka lainga ary mamafy fifandirana eo amin'ny rahalahiny.
[20]Ry zanako, ankatoavy ny didin-drainao ary aza mahafoy ny fananaran-dreninao. [21]Fehezo ao am-ponao mandrakariva ireo; fatory eo am-bozonanao ireo.
[22]Raha mandeha ianao, dia hitari-dalana anao ireo; raha matory ianao, dia hiambina anao ireo; ary raha mifoha ianao, dia hampianatra anao ireo. [23]Fa fanilo ny didy, ary fahazavana ny fampianarana; ireo anatra izay avy amin'ny fampianarana no lalan'ny fiainana.
[24]Miaro anao amin'ny vehivavy ratsy fitondran-tena izany, amin'ny teny malefaky ny vehivavy ratsy fitondran-tena.
[25]Aoka ny fonao tsy hitsiriritra ny hatsarany ary aza avela hambabo anao amin'ny volomasony izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Ny fiaraha-mandry amin'ny mpijangajanga dia sandainao amin'ny sombi-mofo, fa ny vadin'ny hafa dia sandainao amin'ny ainao mihitsy. [27]Misy olona afaka mitondra afo eo an-tratrany ve ka tsy mandoro ny akanjony?
[28]Misy olona mahadia vain'afo mahamay ve ka tsy hitsovaka ny tongony? [29]Toy izany koa ny lehilahy miara-mandry amin'ny vadin'ny namany; izay miara-mandry aminy dia tsy ho afa-maina.
[30]Tsy hanamavo ny mpangalatra ny olona raha mangalatra mba hahafa-po ny filàny rehefa noana izy. [31]Fa raha tratra kosa izy, dia hanonitra impito heny izay nangalariny; tsy maintsy mamoy ny zavatra sarobidy rehetra ao an-tranony izy.
[32]Izay mijangajanga dia tsy misy saina; izay manao izany dia manimba ny tenany. [33]Ratra sy henatra no mendrika azy ary tsy ho voafafa ny fahafaham-barakany.
[34]Fa ny fahasarotam-piaro no mahatezitra ny lehilahy; tsy hampiseho famindram-po izy rehefa mamaly faty. [35]Tsy hanaiky onitra izy ary tsy ho voatamby, na dia omenao fanomezana maro aza.

7 [1]Ry zanako, tandremo ny teniko ary raketo ao anatinao ireo didiko. [2]Tandremo ny didiko mba ho velona ianao ary tandremo toy ny anakandriamasonao ny fampianarako. [3]Fehezo eo amin'ireo rantsan-tananao ireny; soraty eo amin'ny vato fisaky ny fonao ireny.
[4]Lazao ny fahendrena hoe: "Anabaviko ianao," ary antsoy hoe havanao akaiky ny fahazavan-tsaina, [5]mba hitandremanao ny tenanao amin'ny vehivavy janga, amin'ny vehivavy ratsy fitondran-tena miaraka amin'ny teniny malama.
[6]Teo amin'ny varavarankelin'ny tranoko dia nitazana tany ivelany avy teo amin'ny makarakara aho. [7]Nitazana ireo olona kely saina aho, ary voamariko tamin'ireo tanora ny zatovo iray izay tsy nisy saina.
[8]Nandalo teo amin'ny arabe akaikin'ny kihon-dalany izany tovolahy izany, ary nizotra nakany an-tranony.
[9]Somambisamby tamin'izany, tamin'ny andro hariva, sy tamin'ny fotoan'ny alina sy ny aizina.
[10]Nisy vehivavy nitsena azy, niankanjo tahaka ny mpivaro-tena, izay fetsy am-po. [11]Sady vavàna izy no maditra; tsy mahajanona ao an-trano ny tongony. [12]Vetivety eny an-dalambe, avy eo eny an-tsena, ary eny an-joron-trano rehetra eny izy no miandry mamitsaka.
[13]Koa dia nisavika azy izy ka nanoroka azy, tamin'ny tarehy nisolantsolana no nilazany taminy hoe: [14]"Nanao fanati-pihavanana aho androany, nanefa ireo voadiko aho, [15]koa dia nivoaka hitsena anao aho, mba hitady fatratra ny tavanao, ary dia nahita anao aho.
[16]Efa namelatra lamba firakotra, rongony fotsy miloko avy tany Egypta, teo amin'ny fandriako aho. [17]Efa nandrarahako miora, havozo, ary kanelina ny fandriako. [18]Avia, andeha isika hivoky fitia mandra-maraina; andeha isika haka fahafinaretana amin'ny fitiavana.
[19]Fa tsy ao an-tranony ny vadiko; lasa nivahiny lavitra izy. [20]Nitondra kitapom-bola niaraka taminy izy; hiverina izy amin'ny fotoan'ny fenomanana." [21]Tamin'ny resa-be no nitaomany azy; tamin'ny halaman'ny molony no namitahany azy.
[22]Nandeha nanaraka azy avy tao aoriana tampoka tahaka ny omby entina ho vonoina, tahaka ny diera voasambotra anaty fandrika izy, [23]mandra-pitsatoky ny zana-tsipìka eo amin'ny atiny. Tahaka ny vorona izay mitsoriaka ho eo amin'ny fandrika. Tsy fantany fa hahafaty ny ainy izany.
[24]Koa mihainoa ahy ianareo, ry zanako lahy; tandremo ireo tenin'ny vavako. [25]Aoka tsy hivily amin'ireo lalany anie ny fonareo; aza mivily amin'ireo lalan-disony.
[26]Nahalavo olona voatrobaka maro izy; maro dia maro ireo niharan'ny fahafatesana azony.[27]Eny amin'ny lalana mankany amin'ny Fiainan-tsy hita ny tranony; midina mankany amin'ny efitrano fandriana maizin'ny fahafatesana izy ireo.

8 [1]Tsy miantso mafy ve ny Fahendrena? Tsy manandra-peo ve ny Fahazavan-tsaina? [2]Eo amin'ireo tampon-kavoana akaikin'ny lalana, ao amin'ireo sampanan-dalana, no hijoroan'ny Fahendrena. [3]Eo anoloan'ireo vavahady ao amin'ny fidirana mankany an-tanàna, eo amin'ny fidirana mankao an-tanàna, no hiantsoany.
[4]"Ianareo, ry vahoaka, no antsoiko; ny feoko dia ho an'ireo zanak'olombelona. [5]Ianareo izay bado, mianara fahendrena; ary ianareo izay adala, manàna fahazavan-tsaina ianareo.
[6]Henoy, satria miresaka ireo zavatra mendri-kaja aho, ary rehefa misokatra ny molotro dia hilaza zavatra marina ah. [7]Fa ny vavako milaza izay mendri-pitokiana, ary ny faharatsiana maharikoriko ny molotro.
[8]Ny tenin'ny vavako rehetra dia marina; tsy nisy miolakolaka na fitaka amin'ireo. [9]Mahitsy ho an'ny olona izay mahatakatra azy ireo; iireo teniko dia marina ho an'ireo izay mahita fahalalana.
[10]Mandraisa ny fampianarako fa tsy ny volafotsy; mandraisa fahalalana fa tsy ny volamena tsy mifangaro. [11]Fa tsara noho ny firavaka ny Fahendrena; tsy misy harena mitovy aminy.
[12]Izaho, Fahendrena, dia miara-monina amin'ny Fitandremana, ary manana fahalalana sy fahamalinana. [13]Ny tahotra an'i Yaveh dia mba hankahalana ny ratsy. Halako ny fieboeboana sy fiavonavonana, ny fomba ratsy, sy ny teny ratsy. Halako ireo.
[14]Manana torohevitra tsara sy fahendrena marina aho; lalin-tsaina aho; ahy ny hery. [15]Amin'ny alalako no anjakan'ireo mpanjaka—ireo lehilahy manan-kaja ihany koa, sy ny rehetra izay mifehy amin'ny fahamarinana. [16]Amin'ny alalako no anapahan'ireo andriandahy, ireo manan-kaja, sy ny rehetra izay mifehy amin'ny fahamarinana.
[17]Tiako izay tia ahy, ary ireo izay mitady ahy fatratra, dia hahita ahy. [18]Ao amiko ny harena sy voninahitra, harena maharitra ary fahamarinana.

[19]Ny vokatro dia tsara noho ny volamena, eny na ny volamena tsara indrindra aza; tsara noho ny volafotsy madio ny vokatro. [20]Mandeha amin'ny lalan'ny fahamarinana, afovoan'ireo lalan'ny marina aho. [21]Vokatr'izany, dia ataoko mandova harena ireo izay tia ahy; fenoiko ny fitehirizan-drakitr'izy ireo.
[22]Nahary ahy Yaveh tamin'ny fiandohana, ny asany voalohany tamin'izany. [23]Fahiny ela be dia ary aho—hatrany am-boalohany, hatramin'ny fiandohan'ny tany.
[24]Talohan'ny nisian'ny ranomasina, dia teraka aho—talohan'ny nahatondraka rano ireo loharano. [25]Talohan'ny nametrahana ireo tendrombohitra ary talohan'ireo havoana, dia teraka aho.
[26]Efa teraka aho talohan'ny naharian'Andriamanitra ny tany na ny saha, eny fa na dia ny vovoka voalohany tamin'izao tontolo izao aza. [27]Efa teo aho fony nametraka ny lanitra Izy, fony Izy nanoritra boribory tany amin'ny faritry ny lalina.
[28]Efa teo aho fony Izy nametraka ny rahona ambony ary fony namboarina ireo loharano tany amin'ny lalina. [29]Efa teo aho fony Izy namaritra ny fetran'ny ranomasina, koa dia tsy nihoatra ny fandidiany ireo rano, ary fony namaritana ny fanorenana ny tany maina.
[30]Mpanao asa tanana tena mahay teo anilany aho; izaho no fifaliany isan'andro isan'andro, mifaly mandrakariva teo anoloany aho. [31]Nifaly tao amin'ny tontolony rehetra aho, ary ny fifaliako dia tao amin'ireo zanak'olombelona.
[32]Ankehitriny, ry zanako, mihainoa ahy, fa ireo izay mitandrina ireo lalako dia ho voatahy. [33]Mihainoa ny fampianarako ka hendre; aza manao tsinontsinona izany. [34]Izay mihaino ahy dia ho voatahy. Hiambina isan'andro eo am-baravarako izy, miandry akaikin'ireo tsangatsangan'ireo varavarako.
[35]Fa na iza na iza mahita ahy, dia mahita fiainana, ary hahita sitraka amin'Andriamanitra izy. [36]Fa izy izay tsy mahita, dia manimba ny ainy ihany; ireo rehetra izay mankahala ahy dia tia fahafatesana."

9 [1]Nanamboatra ny tranony manokana ny fahendrena; nanao asa sokitra andry fito avy tamin'ny vatolampy izy.
[2]Namono ireo bibiny izy; nampifangaro ny divainy izy; ary nametraka ny latabany.
[3]Naniraka ireo mpiasa an-tranony izy; niantso teny amin'ireo toerana avo indrindran'ny tanàna izy hoe: [4]"Iza no bado? Aoka izy hanatona ety!" Ho an'izay tsy ampy saina tsara no nitenenany.
[5]"Avia, hano ny sakafoko, ary sotroy ny divay noharoiko. [6]Ilaozy ireo fihetsikao bado ary miveloma; mandehana amin'ny lalan'ny fahazavan-tsaina.
[7]Na iza na iza mananatra ny mpaniratsira dia handray fanararaotana; ary na iza na iza hiteny mafy ny ratsy fanahy dia handray ireo faniratsiràna. [8]Aza mananatra ny mpaniratsira, raha tsy izany dia ho halany ianao; [9]anaro ny olon-kendry, dia ho tiany ianao. Manomeza ny olon-kendry, dia ho tonga hendry kokoa izy; ampianaro ny olo-marina, dia hanampy ny fianarany izy.
[10]Ny fahatahorana an'i Yaveh no fiandoham-pahendrena, ary ny fahalalana Ilay Masina no fahazavan-tsaina. [11]Fa amin'ny alalako no hihamaroan'ny andronao; ary hampiako taona maro ny fiainanao. [12]Raha hendry ianao, dia hendry ho an'ny tenanao ihany, ary raha maniratsira ianao, dia hitondra izany amin'ny tenanao ihany."
[13]Ny vehivavin'ny adalana dia tsy mahalala, tsy nobeazina izy ary tsy mahafantatra na inona na inona. [14]Mipetraka eo am-baravaran'ny tranony izy; eo amin'ny seza amin'ny toerana avo indrindra amin'ny tanàna. [15]Miantso ireo izay mandalo amin'ireo lalana izy, amin'ny olona izay mandeha mahitsy amin'ny lalan'izy ireo.
[16]"Na iza na iza bado aoka izy hiverina eto indray," hoy izy amin'ireo izay tsy misy saina. [17]"Mamy ny rano nangalarina, ary matsiro ny mofon'ny tsiambaratelo." [18]Fa tsy fantany fa any ny maty, fa ireo vahiny nasainy dia any amin'ny halalin'ny Fiainan-tsy hita.

10 [1]Ohabolan'i Solomona. Ny zanaka hendry mahafaly ny rainy fa ny zanaka adala mitondra alahelo ho an'ny reniny.
[2]Ny harena nangonina tamin'ny faharatsiana dia tsy manan-danja, fa ny fanaovana ny marina no miaro anao amin'ny fahafatesana. [3]Tsy avelan'i Yaveh ho noana ny fanahin'ny olo-marina, fa manafoana ireo fanirian'ny ratsy fanahy Izy.
[4]Ny tanana kamo no antony mampahantra ny olona, fa ny tanan'ny olona mazoto mahazo harena. [5]Ny zanaka hendry manangona vokatra amin'ny fahavaratra, fa mahamenatra azy ny matory manditra ny fijinjana.
[6]Ireo fanomezana avy amin'Andriamanitra dia eo amin'ny lohan'ny olo-marina, fa ny vavan'ny ratsy fanahy dia mandrakotra herisetra. [7]Ny olo-marina mampifaly ireo izay mahatsiaro azy, fa ny anaran'ny ratsy fanahy dia ho lo.
[8]Ireo izay hendry manaiky ireo didy, fa ny adala mahay vava dia ho rava. [9]Izy izay mandeha am-pahamarinana dia mandeha am-pilaminana, fa izay manao ny lalany ho meloka, dia ho hita.
[10]Izy izay mipi-maso dia hahatonga alahelo, fa ny adala be resaka dia hazera. [11]Ny vavan'ny olona marina dia loharanon'aina, fa ny vavan'ny ratsy fanahy dia mandrakotra herisetra.
[12]Ny fankahalana manestika ady, fa ny fitiavana manarona ny fahadisoana rehetra. [13]Hita amin'ny molotry ny olona manan-tsaina ny fahendrena, fa tsora-kazo no ho amin'ny lamosin'ny tsy misy saina.
[14]Ny olona hendry dia mitahiry fahalalana, fa ny vavan'ny adala hitondra faharavana hanakaiky. [15]Ny haren'ny olona manan-karena dia ny tanàna mafy oriny; ny fahantran'ny mahantra dia faharavan'izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

16 Mitondra ho amin'ny fiainana ny karaman'ny olo-marina; ny tombony azon'ny ratsy fanahy dia mitondra azy ireo ho
amin'ny fahotana. 17 Misy lalana mankany amin'ny fiainana ho an'izay manaraka ny fitsipi-pifehezana, fa izay mandà
famaizana dia mandeha amin'ny lalan-diso.
18 Izay manafina fankahalana dia manana molotra mpandainga, ary izay mampiely endrikendrika dia adala. 19 Raha misy
teny maro, dia tsy ilaozan'ny heloka, fa izay mitandrina izay lazainy no hendry.
20 Volafotsy voafantina ny lelan'ny olo-marina; tsy dia misy lanjany ny ao am-pon'ny ratsy fanahy. 21 Ny molotry ny olo-
marina mamelona ny maro, fa maty ny adala nohon'ny tsy fahampian'izy ireo saina.
22 Ny fanomezana tsara avy amin'i Yaveh no mitondra harena ary tsy ampiany fanaintainana izany. 23 Kilalao fanaon'ny
adala ny fanaovan-dratsy, fa ny fahendrena no fahafinaretan'ny olona manana fahazavan-tsaina.
24 Ny tahotry ny olona ratsy fanahy dia hahavoa azy, fa ny fanirian'ny olo-marina dia homena azy. 25 Ny ratsy fanahy dia toy
ny tafio-drivotra izay mandalo, ary tsy eo intsony izy ireo, fa ny olona marina dia fototra izay maharitra mandrakizay.
26 Toy ny vinaingitra eo amin'ny nify ary setroka eo amin'ny maso, dia mba toy izany koa ny malaina amin'izay maniraka
azy. 27 Ny tahotra an'i Yaveh no mahela velona, fa ny taonan'ny mpanao ratsy dia ho fohy.
28 Ny fanantenan'ny olo-marina no fifalian'izy ireo, fa ny taonan'ny ratsy fanahy dia ho fohy. 29 Ny lalan'i Yaveh dia miaro
ireo izay marina, fa fandriganana ho an'ny ratsy fanahy izany. 30 Ny olona marina tsy ho rava mandrakizay, fa ny ratsy
fanahy dia tsy hitoetra amin'ny tany.
31 Avy ao amin'ny vavan'ny olona marina no ihavian'ny vokatry ny fahendrena, fa ny lela mpandainga dia hofongorana.
32 Ny molotry ny olona marina mahalala izay mety, fa ny vavan'ny ratsy fanahy, mahalala izay fitaka.

---

1 Fanamarihina: Ireo dikan-teny taty aoriana dia misy hoe: Fa ny iray izay manitsy amin-kerim-po no mampihavana.

---

11 1 Halan'i Yaveh ireo mizàna izay tsy marina, fa mankasitraka ny lanja marina izy. 2 Raha tonga ny fireharehana, dia
avy ny fahafaham-baraka, fa amin'ny fanetre-tena no hiavian'ny fahendrena.
3 Ny tsy fivadihan'ny mahitsy no mitari-dalàna azy ireo, fa ny lalà-meloky ny mpivadika dia mamotika azy ireo. 4 Zava-
poana ny harena amin'ny andron'ny fahavinirana, fa ny fanaovana ny marina dia miaro anao amin'ny fahafatesana.
5 Ny fitondran-tena marin'ny tsy manan-tsiny dia mampahitsy ny lalàny, fa ny ratsy fanahy dia ho lavo nohon'ny
haratsiam-panahiny ihany. 6 Ny fitondran-tena tsaran'izay mahafaly an'Andriamanitra dia miaro azy, fa ny mpivadika dia
voafandriky ny filan'izy ireo.
7 Rehefa maty ny olona ratsy fanahy, dia levona ny fanantenany ary ny fanantenana izay tao amin'ny tanjany dia tonga
zava-poana. 8 Ny olo-marina arovana lavitry ny fahoriana fa tonga amin'ny ratsy fanahy kosa izany.
9 Amin'ny vavany no amotehan'ny mpaniratsira ny namany, fa amin'ny fahalalana no iarovana ny olo-marina. 10 Rehefa
ambinina ny olo-marina, dia miravoravo ny tanàna; rehefa levona ny ratsy fanahy, dia misy hiakam-pifaliana. 11 Amin'ny
alalan'ireo fanomezan-tsoa izay an'ireo mahafaly an'Andriamanitra, no mahatonga ny tanàna ho lehibe; amin'ny
vavan'ny ratsy fanahy, no hahapotika ny tanàna.
12 Ny olona izay manamavo ny namany dia tsy misy saina, fa ny olona manana fahazavan-tsaina dia mangina. 13 Izay
rehetra mizotra amin'ny fanendrikendrehana dia mamoaka tsiambaratelo, fa ny olona mahatoky dia mitazona ny
raharaha iray hisarona.
14 Raha tsy misy mpitondra hendry, dia hirodana ny firenena, fa ny fandresena dia tonga amin'ny fakana hevitra amin'ny
mpanolotsaina maro.
15 Na iza na iza miantoka findramam-bola ho an'ny vahiny dia hijaly mafy tokoa, fa ny iray izay mankahala ny
fanomezana antoka amin'izany karazana toky izany no voaaro, 16 Ny vehivavy tsara fanahy dia mahazo voninahitra, fa ny
olona masiaka mambabo harena.
17 Ny olona tsara fanahy manome tombony ho an'ny tenany, fa ny iray izay lozabe mandratra ny tenany. 18 Ny olona ratsy
fanahy dia mandainga mba hahazoany ny karamany, fa ny iray izay mamafy ny marina dia mijinja ny karaman'ny
fahamarinana.
19 Ny olona marina izay manao ny mety dia ho velona, fa ny iray izay manaraka ny ratsy dia ho faty. 20 Yaveh mankahala
ireo izay manana fo mivadika, fa mankasitraka ireo izay mandeha tsy manan-tsiny Izy.
21 Izao no ataovy azo antoka—ny olona ratsy fanahy dia tsy ho afa-maina, fa ireo taranaky ny olo-marina dia ho voaaro.
22 Ny vehivavy tsara tarehy tsy misy fahamalinana dia toy ny kavim-bolamena eo amin'ny oron-kiso.
23 Ny fanirian'ny olo-marina miafara amin'ny tsara, fa fahavinirana ihany no azon'ny olona ratsy fanahy antenaina. 24 Misy
izay mamafy voa—mahavoangona betsaka lavitra izy; ny hafa tsy mamafy—dia tonga amin'ny fahantrana izy.
25 Ny olona mahalala-tanana dia hambinina ary ny iray izay manome rano ho an'ny hafa dia hanana rano ho an'ny tenany.
26 Ozonin'ny olona ny lehilahy izay mandà tsy hivarotra voa, fa ireo fanomezan-tsoa no satro-boninahitry ny lohan'izay
mivarotra izany.
27 Izay mitady fatratra ny soa dia mitady sitraka ihany koa, fa ny iray izay mitady ny ratsy dia hahita izany. 28 Ireo izay
mitoky amin'ny hareny dia ho lavo, fa tahaka ny ravina, no hamokaran'ny olo-marina.
29 Izay mitondra korontana ao amin'ny ankohonany ihany dia handova rivotra ary ny adala dia ho tonga mpanompon'ny
hendry am-po.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[30]Ny olo-marina dia ho toy ny hazon'aina, fa ny herisetra manala aina. [31]Indro! Ny olo-marina mandray izay sahaza azy; mainka fa ny ratsy fanahy sy ny mpanota!

12 [1]Na iza na iza tia fananarana dia tia fahalalana, fa vendrana izay mankahala fanitsiana. [2]Yaveh dia manome sitraka ny olona tsara, fa manameloka ny olona izay manao teti-dratsy Izy.
[3]Ny olona dia tsy ho tafatombina amin'ny faharatsiana, fa ny olo-marina tsy afaka hofongorana. [4]Ny vady mendrika dia satro-boninahitry ny vadiny, fa izay mitondra henatra dia toy ny aretina izay maha-lo ny taolany.
[5]Mahitsy ny fikasan'ny marina, fa mamitaka ny toro-hevitry ny ratsy. [6]Ny tenin'ny olona ratsy fanahy dia otrika miandry vintana hamonoana, fa ny tenin'ny mahitsy kosa no miaro azy ireo.
[7]Ny olona ratsy fanahy dia fongorina ary lasa izy ireo, fa ny tranon'ny olo-marina kosa dia hijoro. [8]Deraina amin'ny habetsaky ny fahendrena hananany ny olona, fa izay manao safidy ratsy kosa dia atao tsinotsinona.
[9]Tsara kokoa ny manana toerana tsy manan-danja— mpanompo fotsiny ihany— noho ny mirehareha amin'ny fahambonianao nefa tsy manan-kohanina. [10]Ny olo-marina dia miahy ny momba ireo filan' ny bibiny, fa na dia ny fangoraham-pon'ny ratsy fanahy aza dia lozabe.
[11]Izay miasa ny taniny dia hanana sakafo be, fa na iza na iza manenjika ireo tetikasa tsy misy dikany kosa dia tsy misy saina. [12]Ny olona ratsy fanahy maniry izay nangalarin'ny olon-dratsy tamin'ny hafa, fa ny vokatry ny olo-marina kosa dia avy amin'ny tenan'izy ireo ihany.
[13]Ny olon-dratsy dia voafandriky ny resa-dratsiny, fa ny olo-marina kosa dia mandositra ny olana. [14]Avy amin'ny vokatry ny teniny no maha-feno zava-tsoa ny olona, tahaka ny hamalian'ny asan'ny tanany soa azy ihany.
[15]Ny lalan'ny adala dia marina eo imasony ihany, fa ny olon-kendry kosa mihaino torohevitra. [16]Ny adala dia mampiseho ny hatezerany am-boalohany, fa izay tsy miraharaha faniratsiràna kosa no malina.
[17]Izay miteny ny marina dia milaza izay rariny, fa ny fijoroana vavolombelona diso kosa milaza lainga. [18]Ny tenin'izay miresaka an-kamehana dia tahaka fanindron'ny sabatra, fa mitondra fanasitranana kosa ny lelan'ny hendry.
[19]Ny molotra marina dia maharitra mandrakizay, fa ny lela mpandainga kosa ho amin'ny fotoana fohy fotsiny ihany.
[20]Misy fitaka ao am-pon'ireo izay manao teti-dratsy, fa hafaliana kosa no avy amin'ireo mpanolo-tsaina fiadanana.
[21]Tsy misy aretina tonga amin'ny olo-marina, fa ny olona ratsy fanahy kosa feno olana. [22]Mankahala ny molotra mandainga Yaveh, fa ireo izay miaina amim- pahatokiana kosa no sitrany.
[23]Manafina ny fahalalany ny olona hendry, fa ny fon'ny adala kosa mihiaka fahadalana. [24]Ny tanan'ny mazoto dia hanapaka, fa ny olona kamo kosa alefa manao asa an-terivozona.
[25]Ny fanahiana ao am-pon'ny olona mampitanondrika azy, fa ny teny soa kosa maharavo azy. [26]Ny olo-marina dia mpitaridia ho an'ny namany, fa ny lalan'ny ratsy fanahy mitarika azy ireo amin'ny lalan-diso.
[27]Ny olona kamo dia tsy hanatono ny hazan'izy ireo, fa ny olona mazoto kosa hahazo harena sarobidy. [28]Ireo izay mandeha amin'ny lala-marina dia mahita fiainana ary tsy misy fahafatesana ny lalan'izany.

13 [1]Mandre ny fampianaran'ny rainy ny zanaka hendry, fa ny mpaneso dia tsy mihaino fibedesana. [2]Avy amin'ny vokatry ny vavany no isitrahan'ny olona ireo zava-tsoa, fa ny homan'ny mpamitaka dia ho an'ny herisetra.
[3]Izay mitandrina ny vavany no miaro ny ainy, fa izay misanasana vava dia handrava ny tenany ihany. [4]Ny homan'ireo olona kamo dia maniry nefa tsy mahazo na inona na inona, fa ny homan'ny olona mazoto dia ho afa-po tanteraka.
[5]Ireo olona marina dia mankahala ny lainga, fa ny olona ratsy fanahy dia manao ny tenany ho marikoriko, ary manao izay mahamenatra izy. [6]Ny fahamarinana dia miaro an'ireo izay tsy misy tsiny amin'ny lalany, fa ny faharatsiana mampivadika ireo izay manota.
[7]Misy olona mampanan-karena ny tenany, nefa tsy manana na inona na inona mihitsy ary misy olona mahafoy ny zava-drehetra, nefa tena manan-karena. [8]Ny solo vaikan'ny ain'ny olona manan-karena dia ny hareny, fa ny olona mahantra tsy mandre fampitahorana.
[9]Miravoravo ny hazavan'ny olo-marina, fa ny jiron'ny ratsy fanahy dia ho vonoina. [10]Fifandirana ihany no ateraky ny avonavona, fa ho an'ireo izay mihaino torohevitra tsara no misy fahendrena.
[11]Hihena ny harena rehefa be loatra ny zava-poana, fa ilay iray izay mihary vola amin'ny asan'ny tanany dia hampitombo ny volany. [12]Rehefa mihemotra ny fanantenana, dia mandratra fo izany, fa ny faniriana tanteraka no hazon'aina.
[13]Izay mankahala ny fampianarana no mbola hiharan'izany, fa izay manaja ny didy dia hahazo valisoa. [14]Ny fampianaran'ny olon-kendry dia loharanon'aina, manala anao amin'ny fandriky ny fahafatesana.
[15]Ny fitandremana tsara dia ahazoana fitia, fa ny lalan'ny mpamadika tsy ho tapitra mandrakizay. [16]Ny olona malina dia mandray ny fanapahan-kevitra rehetra amin'ny fahalalana, fa ny adala dia mampiharihary ny hadalany.
[17]Ny iraka ratsy fanahy ho latsaka anaty fahoriana, fa ny iraka mahatoky mitondra fampihavanana. [18]Izay tsy miraharaha fampianarana hahantra sy ho menatra, fa ny voninahitra dia ho tonga amin'izay mianatra amin'ny fanitsiana.
[19]Ny faniriana tanteraka mamin'ny fo, fa ny adala mankahala ny fialana amin'ny ratsy. [20]Miaraha lalana amin'ny olon-kendry dia ho hendry ianao, fa ny naman'ny adala dia hijaly amin'ny ratsy.
[21]Manenjika ny mpanota ny loza, fa ny olo-marina dia omena valisoa amin'ny tsara. [22]Mamela lova ho an'ny zafiny ny olona tsara, fa ny haren'ny mpanota dia voatahiry ho an'ny olo-marina.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Ny saha tsy mbola niasan'ireo mahantra dia afaka mamokatra hanina maro, fa voafafa amin'ny tsy rariny izany. [24]Izay tsy manitsy ny zanany dia mankahala azy, fa izay tia ny zanany dia mitandrina ny hampianatra azy tsara.
[25]Ny olo-marina dia hihinana mandra-pahavokiny, fa ny kibon'ny ratsy fanahy dia ho noana mandrakariva.

14 [1]Ny vehivavy hendry manangana ny tranony, fa ny vehivavy adala mandrava izany amin'ny tanany ihany. [2]Izay mandeha am-pahitsiana dia matahotra an'i Yaveh, fa izay tsy marina amin'ny lalany dia manao tsinontsinona Azy.
[3]Amin'ny vavan'ny adala no hiavian'ny tsimoky ny fireharehany, fa ny molotry ny hendry hiaro azy ireo. [4]Any amin'izay tsy misy biby fiompy no madio ny tavy fihinanana, fa be ny vokatra mety ho tonga amin'ny tanjaky ny omby.
[5]Ny vavolombelona mahatoky dia tsy mandainga, fa ny vavolombelona sandoka mamoaka lainga. [6]Mitady fahendrena ny mpaneso fa tsy mahita, fa ho tonga mora foana amin'izay manan-tsaina ny fahalalana.
[7]Mialà amin'ny olona adala, fa tsy hahita fahalalana eo amin'ny molony ianao. [8]Ny fahendrena ho an'ny olona malina dia ny mahatakatra ny lalany ihany, fa ny fahadalan'ireo adala dia fitaka.
[9]Maneso ireo adala rehefa voasorona ny fanatitra nohon'ny heloka, fa voazara eo amin'ireo mahitsy ny fankasitrahana.
[10]Ny fo mahalala ny ngidiny ary tsy misy vahiny mizara ny hafaliany.
[11]Ho potika ny tranon'ny olona ratsy fanahy fa handrombona ny lain'ny olo-mahitsy. [12]Misy lalana izay toa marina eo amin'ny olona, fa ny farany ihany no mitarika amin'ny fahafatesana.
[13]Afaka mihomehy ny fo nefa manaintaina ary mety hiafara amin'ny alahelo ny hafaliana. [14]Izay tsy mahatoky dia hahazo izay mendrika ny lalany, fa ny olona tsara hahazo izay azy.
[15]Izay bado dia mino ny zavatra rehetra, fa ny olona mailo kosa mieritreritra ireo diany. [16]Matahotra ny olona hendry ary miala amin'ny ratsy, fa ny adala kosa mandà fampitandremana amin-toky.
[17]Izay malaky tezitra dia manao zavatra adaladala, ary ny olona izay manao teti-dratsy dia ankahalaina. [18]Ny bado dia mandova fahadalana, fa ny olo-kendry kosa ho satrohim-boninahitra amin'ny fahalalana.
[19]Ny olon-dratsy hiankohoka eo anoloan'izay tsara ary ireo izay ratsy fanahy hiankohoka eo amin'ireo vavahadin'ny olo-marina. [20]Ankahalaina ny olo-mahantra na dia ireo namany ihany aza, fa ny olona manan-karena mana-namana betsaka.
[21]Izay mampiseho fanamavoana ny namany dia manota, fa sambatra izay mampiseho fankasitrahana amin'ny mahantra.
[22]Tsy ireo izay manao teti-dratsy ve no mandeha amin'ny hevi-diso? Fa ireo izay mikasa ny hanao ny tsara dia hahazo fanekena mahatoky sy fahamendreham-pitokisana.
[23]Avy amin'ny asa mafy rehetra no hiavian'ny tombony, fa raha resaka fotsiny, dia mitarika ho amin'ny fahantrana izany.
[24]Satro-boninahitry ny olon-kendry ny hareny, fa ny adalan'ireo adala mitondra hadalana fanampiny azy ireo ihany.
[25]Ny vavolombelona marina manavotra aina, fa ny vavolombelona sandoka mamoaka lainga.
[26]Rehefa matahotra an'i Yaveh ny olona iray, dia manana fahatokisana betsaka aminy ihany koa izy; ireo zavatra ireo dia ho toy ny toerana fiarovana mafy ho an'izany zanak'izany lehilahy izany. [27]Ny fahatahorana an'i Yaveh dia loharanon'aina, mba hahafahan'ny olona miala amin'ireo fandriky ny fahafatesana.
[28]Hita amin'ny habetsaky ny vahoakany ny voninahitry ny mpanjaka, fa raha tsy misy vahoaka dia rava ny andriana. [29]Ny olona maharitra dia manana fahalalana lehibe, fa ny olona malaky tezitra manandratra fahadalana.
[30]Ny fo milamina dia aina ho an'ny vatana, fa ny fialonana dia maha-lo ny taolana. [31]Izay mampahory ny mahantra dia manozona ny Mpamorona azy, fa izay iray maneho fankasitrahana amin'ny fadiranovana dia manome voninahitra azy.
[32]Ny olona ratsy fanahy dia ahetrin'ireo asa-ratsiny, fa ny olo-marina dia hanam-pialofana na amin'ny fahafatesana aza.
[33]Ny fahendrena mitoetra ao am-pon'ny mahalala, fa na dia eo amin'ireo adala aza dia avelany ho fantatra ny aminy.
[34]Ny fanaovana izay marina dia manandratra firenena, fa ny fahotana dia fahafam-baraka ho an'ny olona rehetra. [35]Ny fankasitrahan'ny mpanjaka dia miaraka amin'ny mpanompo izay miasa am-pitandremana, fa ny fahatezerany dia ho an'izay miasa amim-pahamenarana.

15 [1]Ny valin-teny malefaka dia mamily ny fahatezerana, fa ny teny masiaka manetsika fahasosorana. [2]Ny lelan'ny hendry mandoka fahalalana, fa ny vavan'ny adala kosa mandraraka fahadalana.
[3]Fa amin'izao rehetra izao ny mason'i Yaveh, mandinika ny ratsy sy ny tsara. [4]Ny lela manasitrana dia hazon'aina, fa ny lela mpamitaka dia manorotoro ny fanahy.
[5]Ny adala manamavo ny fananaran-drainy, fa izay mandray ny fanitsiana no malina. [6]Ao an-tranon'ny olo-marina no misy harena be, fa fidiram-bolan'ny ratsy fanahy manome fahoriana azy.
[7]Ny molotry ny hendry manaparitaka fahalalana, fa tsy mba toy izany kosa ny fon'ireo adala. [8]Mankahala ny soron'ireo olona ratsy fanahy Yaveh, fa fahafinaretany kosa ny vavaky ny olona mahitsy.
[9]Mankahala ny fomban'ireo olona ratsy fanahy Yaveh, fa tia ilay iray izay manaraka ny marina Izy. [10]Miandry ny olona izay mahafoy ny lalana ny sazy mafy ary izay mankahala famaizana dia ho faty.
[11]Ny fiainan-tsy hita sy fandringanana aza misokatra eo anatrehan'i Yaveh; koa mainka fa ny fon'ny zanak'olombelona?
[12]Ny mpaneso sosotra amin'ny fananarana azy; tsy handeha any amin'ny hendry izy.
[13]Ny fo ravoravo mahamirana ny tarehy, fa ny aretim-po kosa manorotoro ny fanahy. [14]Ny fon'ny manan-tsaina mitady fahalalana, fa ny vavan'ireo adala homana fahadalana ihany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Fadiranovana avokoa ireo andron'ny ory rehetra, fa ny fo miramirana dia fanasana tsy manam-petra. [16]Aleo kely amin'ny tahotra an'i Yaveh toy izay harem-be amin'ny ahiahy.
[17]Aleo kokoa sakafo misy anana izay misy fitiavana toy izay omby mifahy aroso amim-pankahalana. [18]Ny olona mora tezitra manetsika ady, fa ny olona izay mahatsindry fo mampitsahatra fifandirana.
[19]Ny lalan'ny kamo dia tahaka ny toerana misy fefy tsilo, fa ny lalan'ny mahitsy dia lalam-be voavoatra tsara. [20]Ny zanaka hendry dia mitondra fifaliana ho an'ny rainy, fa ny olona adala manao tsinotsinona ny reniny.
[21]Mahafinaritra ny olona tsy ampy saina ny adalana, fa izay manana fahazavan-tsaina mandeha amin'ny lalan-mahitsy.
[22]Mandamoka ireo tetika rehefa tsy misy torohevitra, saingy rehefa miaraka amin'ny mpanolon-tsaina maro dia nahomby ireo.
[23]Mahita hafaliana ny olona iray rehefa manome valiny mahafa-po izy; endrey ny hatsaran'ny teny izay voalaza ara-potoana! [24]Mitondra miakatra ho an'ny olon-kendry ny lalan'ny fiainana, mba hialan'izy ireo amin'ny Fiainan-tsy hita any ambany.
[25]Ho potehin'i Yaveh ny lovan'ny mpirehareha, fa miaro ny fananan'ny mpitondratena kosa Izy. [26]Mankahala ny fisainan'ireo olona ratsy fanahy Yaveh, fa ireo tenin'ny fahatsaram-panahy dia madio.
[27]Mitondra olana ho an'ny fianakaviany ny mpangalatra, fa ny olona izay mankahala tsolotra dia ho velona. [28]Ny fon'ny marina dia misaintsaina mialohan'ny hamaliany, fa ny vavan'ny ratsy fanahy kosa miboiboika ny ratsy ao aminy.
[29]Lavitra ireo ratsy fanahy Yaveh, fa mandre ny vavaky ny olo-marina kosa Izy. [30]Ny fahazavan'ny maso mitondra fifaliana ho an'ny fo ary ny vaovao tsara dia fahasalamana ho an'ny vatana.
[31]Raha mankatoa ianao rehefa manitsy ny fomba fiainanao ny olona, dia hitoetra eo amin'ireo olona hendry ianao. [32]Izay mandà famaizana dia manao tsinontsinona ny tenany, fa izay mihaino anatra kosa dia mahazo fahazavan-tsaina.
[33]Mampianatra fahendrena ny tahotra an'i Yaveh ary fanetren-tena no mialoha ny voninahitra.

16 [1]An'ny olona ny fikasan'ny fo, fa avy amin'i Yaveh ny valin-teny avy amin'ny lelany. [2]Madio eo imasony ihany ny lalan'ny olona rehetra, fa Yaveh no mandanja ny fanahy.
[3]Ankino amin'i Yaveh ny asanao dia ho lavorary izay kasainao. [4]Nataon'i Yaveh ho amin'ny antony avokoa ny zavatra rehetra, na ny ratsy fanahy aza dia ho amin'ny androm-pahoriana.
[5]Yaveh mankahala ny olona rehetra izay manana fo miavonavona, azo antoka fa tsy ho afa-maina ireny. [6]Amin'ny tsy fivadiham-panekena sy fahamendreham-pitokisana no hanavotana amin'ny heloka ary amin'ny tahotra an'i Yaveh no hialan'ny olona amin'ny ratsy.
[7]Rehefa ankasitrahan'i Yaveh ny lalan'ny olona iray, na ny fahavalon'izany olona izany aza dia ataony mihavana aminy.
[8]Aleo kely amin'ny fahamarinana, toy izay vola be amin'ny tsy rariny.
[9]Ao am-pony no andrafetan'ny olona ny lalany, fa Yaveh no mampizotra ny diany. [10]Fanapahan-kevitra lalina no eo amin'ny molotry ny mpanjaka, ny vavany dia tsy mba hamadika ny rariny.
[11]Avy amin'i Yaveh ny fandanjana marina; ny lanja rehetra ao amin'ny kitapo dia asany avokoa. [12]Rehefa manao zava-dratsy ny mpanjaka, dia tokony ho zavatra hatao tsinontsinona izany, satria ny seza fiandrianana dia miorina amin'ny fanaovana ny marina.
[13]Finaritra amin'ny molotra milaza ny marina ny mpanjaka ary tiany ny olona izay miteny mahitsy. [14]Ny fahaviniran'ny mpanjaka dia iraky ny fahafatesana fa ny olon-kendry kosa dia hiezaka hampitony ny hatezerany.
[15]Ao amin'ny fahazavan'ny tavan'ny mpanjaka ny fiainana ary ny fankasitrahany dia sahala amin'ny rahona izay mitondra oran-dohataona. [16]Endrey ny hatsaran'ny fahazoana fahendrena mihoatra lavitra noho ny volamena. Aleo mifidy ny hahazo fahazavan-tsaina toy izay volafotsy.
[17]Ny lalam-ben'ny olo-marina dia miala amin'ny ratsy; izay miaro ny ainy dia miambina ny lalany. [18]Avy mialohan'ny faharavana ny fireharehana ary ny fanahy mieboebo mialohan'ny fahalavoana.
[19]Tsara kokoa ny manetri-tena eo amin'ireo olona mahantra toy izay mizara izay nobaboina amin'ny olona mpirehareha.
[20]Izay rehetra mibanjina izay nampianarina azy ireo dia hahita soa, ary ireo izay mitoky amin'i Yaveh dia ho voatahy.
[21]Izay hendry am-po no antsoina hoe manan-tsaina ary ny hamamin'ny teny no mpampivoatra ny fahaiza-mampianatra.
[22]Ny fahazavan-tsaina dia loharanon'aina ho an'izay manana izany, fa ny fampianaran'ny adala dia ny fahadalany.
[23]Ny fon'ny olon-kendy manome saina ny vavany ary manampy fandresen-dahatra ny molony. [24]Tohon-tantely ny teny mahafinaritra— mamy amin'ny fanahy ary fanasitranana ho an'ny taolana.
[25]Misy lalana izay toa marina amin'ny olona, fa ny fiafarany dia lalana mankany amin'ny fahafatesana. [26]Ny homan'ny mpiasa no miasa ho azy; ny hanoanany no manosika azy.
[27]Ny olona tsinontsinona dia mihady sompatra ary ny teniny dia tahaka ny afo mandoro. [28]Ny olona rasty fitondran-tena manetsika ady ary ny mpifosa mampisaraka ny mpianamana akaiky.
[29]Ny olona maherisetra dia mandainga amin'ny namany ary mampivarina azy amin'ny lalana izay tsy tsara. [30]Izay mipi-maso dia mitetika zavatra ratsy; ireo izay manaiki-molotra dia mampandalo ny rasty.
[31]Ny volo-fotsy dia satro-boninahitra; azo amin'ny fiainana ny lala-marina izany. [32]Tsara ny tsy mora tezitra noho ny mpiady ary ny olona manapaka ny fanahiny dia mahery noho ny olona izay mambabo tanàna iray.
[33]Ny filokana dia atsipy eo am-pofoana, fa ny fanapahan-kevitra dia avy amin'i Yaveh.

17 [1]Tsara kokoa ny miaina mangingina miaraka amin'ny tapa-mofo toy izay ao amin'ny trano feno hanina misy fifandirana. [2]Ny mpanompo hendry dia hanapaka eo amin'ny zanany izay manao toetra mahamenatra ary hiray lova tahaka ny iray amin'ireo rahalahy.
[3]Ny memy ho an'ny volafotsy ary ny lafaoro fandrendrehana ho an'ny volamena, fa Yaveh no manefy ny fo. [4]Ny mpanao ratsy mihaino ny molotry ny ratsy fanahy; manongilan-tsofina amin'ny lela mpandringana ny mpandainga.
[5]Na iza na iza maneso ny malahelo dia miteny ratsy ny Mpahary azy ary izay mifaly amin'ny fahavoazana dia tsy afa-bela amin'ny famaizana. [6]Satro-boninahitry ny antitra ny zafy ary mitondra voninahitra ho an'ireo zanany ny ray aman-dreny.
[7]Ny kabary tsara lahatra dia tsy mety amin'ny adala; koa mainka fa ny molotra mpandainga ho mety ho an'ny fianakavian'ny mpanjaka. [8]Tahaka ny vato mahagaga ny kolikoly ho an'ny olona izay manome izany; na aiza na aiza itodihany, dia mahomby izy.
[9]Izay manarona heloka dia mitady fitiavana, fa izay mamerina ny fahadisoana taloha dia mampisaraka ireo mpisakaiza akaiky. [10]Miditra lalina kokoa any amin'ny olona izay manana fahazavan-tsaina ny teny mafy noho ny kapoka injato mankany amin'ny adala.
[11]Ny olon-dratsy dia mitady fikomiana fotsiny, koa dia halefa hanohitra azy ny iraka lozabe. [12]Aleo mifanena amin'ny bera very anaka toy izay mifanena amin'adala amin'ny fahadalany.
[13]Raha misy olona mamaly ratsy ny tsara, dia tsy handao ny tranony mandrakizay ny ratsy. [14]Ny fiandohan'ady dia tahaka izay mamela ny rano hiparitaka eny rehetra eny, koa dia alaviro ny fifandirana dieny mbola tsy vaky izany.
[15]Ny olona izay manamarina ny olon-dratsy ary ny olona izay manameloka ny olo-marina— dia samy fahavetavetana eo amin'i Yaveh ireo. [16]Nahoana ny adala no tokony handoa vola mba hianatra momba ny fahendrena, nefa izy tsy manana fahafahana akory ny hianatra izany?
[17]Ny sakaiza dia tia amin'ny fotoana rehetra sady rahalahy nateraka ho amin'ny fotoan'ny fahoriana. [18]Ny lehilahy tsy misy saina manao fampanantenana mamatotra ka tonga tompon'antoka amin'ny trosan'ny namany.
[19]Na iza na iza tia ady dia tia heloka; izay manao ny tokonam-baravarany ho avo loatra dia manapotika ny taolana. [20]Ny olona izay manana fo maditra dia tsy hahita na inona na inona tsara; mianjera amin'ny loza izay manana lela mpamitaka.
[21]Na iza na iza ray aman-drenin'adala dia mitondra alahelo ho an'ny tenany; ary tsy manana hafaliana ny rain'ny adala.
[22]Fanafody tsara ny fo miramirana, fa ny fanahy ketraka kosa mahamaina ny taolana.
[23]Ny lehilahy ratsy fanahy mankasitraka kolikoly miafina mba hamadihana ireo lalan'ny rariny. [24]Ny olona izay manana fahazavan-tsaina dia mampitodika ny tarehiny mankany amin'ny fahendrena, fa ny mason'ny adala kosa mitodika any amin'ireo vazan-tany.
[25]Ny zanaka adala dia alahelo ho an'ny rainy ary fangidiana ho an'ny vehivavy izay niteraka azy. [26]Ary koa, tsy tsara mihitsy ny manasazy ny olo-marina; na mikapoka olona mendri-kaja izay manana fahitsiana.
[27]Izay manam-pahalalana mampiasa teny fohy ary izay manana fahazavan-tsaina dia mahatsindry fo. [28]Na dia adala aza heverina ho hendry raha toa ka mangina; rehefa manakombom-bava izy, dia heverina ho manan-tsaina.

18 [1]Izay mitoka-tena dia mitady ny faniriany manokana ary mifanditra amin'ny fitsaràna tsara rehetra izy. [2]Ny adala dia tsy mahita fahafinaretana amin'ny fahazavan-tsaina, fa amin'ny fanambarana izay ao am-pony ihany.
[3]Rehefa misy olona ratsy fanahy tonga, dia tonga miaraka aminy ny fanamavoana— miaraka amin'ny henatra sy fahafaham-baraka. [4]Rano lalina ny teny aloaky ny vavan'ny olona; ary rano miboiboika ny loharanon'ny fahendrena.
[5]Tsy tsara ny miangatra amin'ny olona ratsy fanahy, na mandà ny rariny amin'ny olo-marina. [6]Ny molotry ny adala dia mitondra ady ho azy ary ny vavany mihantsy kapoka.
[7]Ny vavan'ny adala no faharavany ary mamandrika ny tenany amin'ny molony izy. [8]Ny tenin'ny mpifosa dia toy ny sombin-kanina matsiro ary midina any anatin'ny vatana ireo.
[9]Izay miraviravy amin'ny asany ihany koa dia rahalahin'izay mamotika indrindra. [10]Tilikambo mahery ny anaran'i Yaveh; mihazakazaka mankao ny marina ka voaaro.
[11]Ny haren'ny mpanan-karena no tanàna voaarony ary ny tahaka ny manda avo ao an'eritreriny. [12]Mialoha ny faharavany dia mirehareha ny fon'ny olona, fa ny fanetre-tena no tonga alohan'ny voninahitra.
[13]Izay mamaly mialohan'ny fihainoana— dia adalana sy henatra ho azy izany. [14]Zakan'ny fanahin'ny olona ny fahamariana, fa iza no hahazaka izany fanahy torotoro izany?
[15]Ny fon'ny manan-tsaina dia mandranto fahalalana ary ny sofin'ny hendry mitady izany. [16]Ny fanomezan'ny olona dia mety hanokatra lalana sy hitondra azy eo anoloan'ny olom-be.
[17]Izay voalohany mitondra ny raharahany dia toa marina mandra-pihavin'ny mpifanandrina aminy ka hanontany azy.
[18]Ny filokana dia mandamina fifandirana sy manasaraka ireo mpifanandrina mahery.
[19]Ny rahalahy tafintohina dia sarotra azo noho ny tanàna mahery, ary ny fifandirana dia toy ny hidin'ny lapa. [20]Avy amin'ny vokatry ny vavany no mahafeno ny kibon'ny olona iray; amin'ny vokatry ny molony no maha-afapo azy.
[21]Ny fahafatesana sy aina dia fehezin'ny lela, ary ireo izay tia ny lela dia hihinana ny vokany. [22]Izay lehilahy mahita vady dia mahita zavatra tsara ary mahazo sitraka amin'i Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Ny olona mahantra dia miangavy famindram-po, fa ny olona manan-karena kosa mamaly an-kasiahana. [24]Izay milaza manana namana maro dia ho ravain'izy ireo, fa misy namana izay akaiky kokoa noho ny rahalahy.

19 [1]Tsara kokoa ny olona mahantra izay mandeha amin'ny fahitsiany toy izay olona mivadika amin'ny teniny ary adala.
[2]Ary koa, tsy tsara ny manana faniriana tsy misy fahalalana ary izay mihazakazaka mafy loatra dia ho diso lalana.
[3]Ny hadalan'ny olona no mamotika ny fiainany ka amin'i Yaveh no sosotra ny fony. [4]Mahabe namana ny harena, fa ny olona mahantra kosa dia tafasaraka amin'ireo namany.
[5]Ny vavolombelona sandoka dia tsy ho afa-maina ary izay mamoaka lainga dia tsy ho afa-bela. [6]Maro no hila sitraka amin'ny olona malala-tanana ary ny rehetra dia naman'izay manolotra fanomezana.
[7]Halan'ny rahalahiny rehetra ny olona mahantra; koa mainka fa ireo namany izay manalavitra azy! Hiantso azy ireo izy, saingy efa lasa izy ireo. [8]Izay mahazo fahendrena dia tia ny ainy; izay mitazona ny fahalalana dia hahita soa.
[9]Ny vavolombelona sandoka dia tsy ho afa-maina, fa izay mamoaka lainga kosa dia ho faty.[10]Tsy mety amin'ny adala ny miaina amin'ny harena mahafinaritra— mainka fa ny hanapahan'ny andevo eo amin'ireo andriandahy.
[11]Ny fahamalinana mahatonga ny olona tsy ho mora tezitra ary voninahitra ho azy ny tsy mijery ny fahadisoana. [12]Ny fahatezeran'ny mpanjaka dia tahaka ny fieron'ny liona tanora, fa ny sitrany kosa dia tahaka ny ando amin'ny ahitra.
[13]Ny zanaka adala dia faharavana ho an'ny rainy ary ny vady mpifanditra dia toy ny rano mitete tsy tapaka. [14]Ny trano sy harena no lova avy amin'ny ray aman-dreny, fa vady hendry kosa no avy amin'i Yaveh.
[15]Ny hakamoana dia mandatsaka ny olona anaty torimaso lalina, fa izay tsy vonon-kiasa kosa dia ho noana. [16]Izay mankatoa ny didy dia miaro ny ainy, fa ny olona izay tsy mihevitra ny lalany kosa dia ho faty.
[17]Ireo izay rehetra miantra ny mahantra dia mampisambotra an'i Yaveh ary honerany izy noho ireo izay nataony. [18]Fehezo ny zanakao lahy dieny misy fanantenana ary aza entim-paniriana hamono azy.
[19]Ny olona be kizitina dia tsy maintsy manefa ny sazy; raha mamonjy azy ianao, dia tsy maintsy hamerina izany fanindroany ianao. [20]Henoy ny torohevitra ary ekeo ny fampianarana, mba ho tonga hendry ianao any amin'ny fiafaran'ny fiainanao.
[21]Maro ny fikasana ao am-pon'ny olona, fa ny tanjon'i Yaveh no haharitra. [22]Ny tsy fivadihana no irian'ny olona ary tsara kokoa ny olona mahantra noho ny mpandainga.
[23]Ny fanomezam-boninahitra an'i Yaveh no mitarika ny olona amin'ny fiainana; izay rehetra manana izany dia ho afapo ary tsy ampahorian'ny ratsy. [24]Ny kamo dia handevina ny tanany ao an-dovia; tsy hamerina hampiakatra izany ao am-bavany akory izy.
[25]Veleso ny mpaniratsira, dia ho mailo ny olona bado; anaro izay manan-tsaina, dia hahazo fahalalana izy.
[26]Izay mandroba ny rainy ary mandroaka ny reniny dia zanaka mitondra henatra sy fahafaham-baraka. [27]Raha mitsahatra ny mihaino fampianarana ianao, ry zanako lahy, dia hania hiala amin'ireo tenin'ny fahalalana ianao.
[28]Ny vavolombelona mpivadika dia maniratsira ny fitsarana ary ny vavan'ny ratsy fanahy mitelina heloka. [29]Vonona ho an'ireo mpaniratsiratsira ny fanamelohana ary ny kapoka ho amin'ny lamosin'ny adala.

20 [1]Ny divay dia mpaniratsira ary ny zava-pisotro mahery dia mpitabataba; izay voavily lalana amin'ny fisotroana amin'ny lalan-diso dia tsy hendry. [2]Ny tahotra ny mpanjaka dia tahaka ny tahotra ny liona tanora izay mierona; izay mampahatezitra azy dia manary ny ainy.
[3]Voninahitra ho an'ny rehetra ny misoroka fifandirana, fa ny adala rehetra dia miantsampy amin'ny fiadian-kevitra. [4]Ny olona kamo dia tsy miasa tany amin'ny lohataona; mitady vokatra izy amin'ny fararano fa tsy hahazo na inona na inona.
[5]Ny tanjona ao am-pon'ny olona dia tahaka ny rano lalina, fa ny olona izay manam-pahalalana kosa hamoaka azy. [6]Maro ny olona milaza fa tsy mpivadika, saingy iza no afaka hahita olona mahatoky?
[7]Ny olona marina dia mandeha amin'ny fahitsiana, ary ireo zanany izay mandimby azy aoriany dia hotahiana. [8]Ny mpanjaka izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianany manatanteraka ireo adidin'ny mpitsara dia manivana ireo ratsy rehetra izay eo alohany amin'ny masony.
[9]Iza no afaka miteny hoe: "Efa nihazona ny foko hadio aho; afaka amin'ny otako aho"? [10]Ny mizana tsy mitovy lanja sy ny fandrefesana tsy mitovy— dia samy halan'i Yaveh.
[11]Na ny tanora aza dia fantatra amin'ny ataony, raha madio sy mahitsy ny fitondran-tenany. [12]Ny sofina izay maheno ary ny maso izay mahita— dia samy nataon'i Yaveh avokoa ireo.
[13]Aza mitia torimaso fandrao ho tonga amin'ny fahantrana ianao; sokafy ny masonao dia hanan- kohanina be ianao.
[14]"Ratsy! Ratsy! hoy ny mpividy, fa rehefa lasa izy dia mirehareha.
[15]Misy ny volamena sy vato lafo vidy maro be, fa ny molotry ny fahalalana dia firavaka sarobidy. [16]Alao ny akanjon'izay nampisy fiarovana ho an'ireo vahiny, ary tazony ho antoka izany raha manisy fiarovana ho an'ny vehivahy ratsy fitondran-tena izy.
[17]Mamy ny tsiron'ny mofo azo amin'ny fitaka, saingy rehefa afaka izany dia ho feno vatokely ny vavany. [18]Ireo paika dia voalamin'ny torohevitra ary amin'ny tari-dalana hendry ihany no tokony hitondranao ny ady.
[19]Ny fifosana mamoaka tsiambaratelo ary noho izany dia tsy tokony hiaraka amin'ireo olona izay mpiteny foana ianao.
[20]Raha misy olona manozona ny rainy sy ny reniny, dia ho faty eo afovoan'ny aizina ny jirony.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Ny lova azo mora foana any am-piandohana dia tsy dia hahasoa any am-parany. [22]Aza miteny hoe: "Hamaly anao noho iny ratsy iny aho!" Miandrasa an'i Yaveh dia hamonjy anao Izy.
[23]Halan'i Yaveh ireo vato fandanjana tsy mitovy ary ny mizana tsy marina dia tsy tsara. [24]Ny dian'ny olona dia tarihan'i Yaveh; koa ahoana no ahalalany izay lalany?
[25]Fandrika ho an'ny olona ny miteny an-kamehana hoe: "Masina ity zavatra ity," ary rehefa avy nanao ny voadiny vao manomboka mieritreritra izay dikany. [26]Ny mpanjaka hendry dia manivana ny ratsy fanahy ary mamadika ny kodiaran'ny fikororohana eo amin'izy ireo.
[27]Ny fanahin'ny olona no jiron'i Yaveh, mitady ireo singa anatiny indrindra. [28]Tsy fivadiham-panekena sy fahamendreham-pitokisana no miaro ny mpanjaka; ny seza fiandrianany dia voaaron'ny fitiavana.
[29]Ny voninahitr'ireo tovolahy dia ny tanjany ary ny famirapiratan'ny olona antitra dia ny volofotsiny. [30]Ireo famelezana izay mandratra manaisotra ny ratsy ary ny kapoka dia mahatonga ny any anaty lalina hadio.

21 [1]Ny fon'ny mpanjaka dia rano mikoriana eo an-tanan'i Yaveh; aviliny eny amin'izay itiavany azy izany. [2]Ny lalan'olona rehetra dia mahitsy eo imasony ihany, fa Yaveh no mandanja ny fo.
[3]Izay manao ny marina sy mahitsy dia sitrak'i Yaveh kokoa mihoatra ny sorona. [4]Ny fiavonavon'ny maso sy fireharehan'ny fo—ny jiron'ny ratsy fanahy— dia fahotana.
[5]Ireo fikasan'ny mazoto dia mitarika makany amin'ny fanambinana ihany, fa ny olona rehetra izay maimaika loatra dia tonga amin'ny fahantrana ihany. [6]Ny fihariana harena amin'ny lela mandainga dia entona mihelina ary fandrika mamono.
[7]Ny herisetran'ny ratsy fanahy dia hisintona azy ireo, satria mandà ny hanao izay rariny izy ireo. [8]Miolakolaka ny lalan'ny olona meloka, fa ny olona izay madio dia manao izay marina
[9]Aleo kokoa mipetraka eo amin'ny zoron'ny tafo toy izay miray trano amin'ny vady mpila ady. [10]Ny hanoanan'ny ratsy fanahy dia maniry fatratra ny ratsy; tsy mahita fahatsarana eo amin'ny masony ireo namany izy.
[11]Rehefa faizina ny mpaniratsira, dia ho hendry ny kely saina, ary rehefa anarina ny olona hendry, dia hihazona fahalalana izy. [12]Mandinika ny tranon'ny olona ratsy fanahy ny olo-marina; mitondra ny olona ratsy fanahy ho amin'ny loza izy.
[13]Ny olona izay manampina ny sofiny amin'ny fitarainan'ny mahantra, dia mbola hitaraina ihany koa, saingy tsy hisy hamaly azy. [14]Ny fanomezana mangingina mampitony ny hatezerana ary ny fanomezana miafina dia mampilefy ny fahatezerana mafy.
[15]Rehefa vita ny fitsarana, dia mitondra fifaliana ho an'ny olo-marina izany, saingy mitondra horohoro ho an'ireo mpanao ratsy izany. [16]Izay mirenireny miala amin'ny lalan'ny fahazavan-tsaina, dia hitsahatra ao amin'ny fiangonan'ny maty.
[17]Izay tia fahafinaretana dia hahantra; izay tia divay sy diloilo dia tsy hanan-karena. [18]Ny olona ratsy fanahy dia solovaika ho an'ny olo-marina, ary ny olona mpamitaka dia vidim-panavotana ho an'ny olona mahitsy.
[19]Aleo mitoetra any an-tany efitra toy izay miaraka amin'ny vady mpifanditra sy tezitra. [20]Harena sarobidy sy diloilo no ao an-tranon'ny hendry, fa ny olona adala kosa mandany ireo.
[21]Izay manao ny marina sy tsara fanahy— izany olona izany dia hahita ny fiainana, fahamarinana, ary voninahitra. [22]Ny olona hendry mananika ny tanànan'ireo mahery, ary mandrodana ny fiarovana mafy izay nitokian'ireo.
[23]Na iza na iza miambina ny vavany sy ny lelany dia miaro ny tenany amin'ny fahoriana. [24]Ny olona miavonavona sy mirehareha—"Mpaniratsira" no anarany— dia manao fihetsika feno fiavonavonana.
[25]Ny fanirian'ny kamo dia mahafaty azy, satria mandà ny hiasa ny tanany. [26]Maniry fatratra mandritra ny tontolo andro izy, fa ny olo-marina dia manome sady tsy kahihitra.
[27]Maharikoriko ny sorona avy amin'ny ratsy fanahy; maharikoriko kokoa aza izany rehefa mitondra izany amin'ny antony ratsy izy. [28]Ho faty ny vavolombelona sandoka, fa ny olona izay mihaino dia hiteny amin'ny fotoana rehetra.
[29]Ny olona ratsy fanahy dia manamafy ny endriny, fa ny olona mahitsy dia matoky amin'ny lalany. [1]
[30]Tsy misy fahendrena, tsy misy fahalalana, ary tsy misy torohevitra afaka mijoro hanohitra an'i Yaveh. [31]Ny soavaly nomanina ho amin'ny andron'ny ady, saingy an'i Yaveh ny fandresena.

[1]Fanamarihana: ny sasany amin'ireo dikan-teny vaovao dia manao hoe: fa ny olona marina mihevitra izay halehany

22 [1]Aleo misafidy ny laza tsara toy izay be harena ary tsara noho ny volafotsy sy volamena ny sitraka. [2]Ny mpanakarena sy ny mahantra dia samy manana izany—Yaveh no mpahary azy rehetra.
[3]Ny olona mailo mahita ny loza ka miafina, fa ny bado kosa mandroso ary mijaly noho izany. [4]Ny valisoan'ny fanetren-tena sy fahatahorana an'i Yaveh dia harena, voninahitra, ary fiainana.
[5]Ny tsilo sy ny fandrika no eo amin'ny lalan'ny maditra; fa izay miaro ny ainy dia hanalavitra azy ireo. [6]Ampianaro amin'ny zaza ny lalana tokony alehany ary rehefa lehibe izy dia tsy hiala amin'izany fampianarana izany.
[7]Manapaka eo amin'ny ory ny mpanan-karena ary izay mindrana dia ho andevon'izay nampindrana. [8]Izay mamafy ny tsy rariny dia hijinja fahoriana ary halazo ny tsorakazon'ny fahatezerany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Izay manana maso be fiantrana dia hotahina, satria mizara ny mofony amin'ny mahantra izy.[10]Roahy ny mpaniratsira dia
ho lasa ny fifandirana; hitsahatra ny ady sy ny fanevatevana.
[11]Izay tia fo madio sy izay milaza fahasoavana, dia hanana ny mpanjaka ho namany. [12]Ny mason'i Yaveh dia miambina
hatrany ny fahalalana, fa ny tenin'ny mpamadika dia ravainy.
[13]Ny olona malaina manao hoe: "Misy liona any an-dalana! Ho faty eny an-kalamanjana aho." [14]Ny vavan'ny vehivavy
janga dia lavaka lalina; mihetsika amin'izay rehetra latsaka ao ny fahatezeran'i Yaveh.
[15]Miraikitra amin'ny fon'ny zaza ny adalana, saingy ny tsorakazo famaizana hampiala izany. [16]Izay mampahory ny olona
mahantra dia mampitombo ny hareny, ary ho tonga amin'ny fahantrana izay manome ny mpanan-karena.
[17]Atongilano ny sofinao ary mihainoa ireo tenin'ny hendry ka ampanekeo ny fahalalako ny fonao, [18]satria hahafinaritra
anao ireo raha tandremanao ao aminao, raha vonona eo amin'ny molotrao izy rehetra. [19]Ho ao amin'i Yaveh noho izany
ny fahatokisanao, mampianatra anao izany aho anio—ianao dia ianao.
[20]Moa ve aho tsy efa nanoratra ohabolan'ny fampianarana sy fahalalana teolpolo ho anao, [21]mba hampianarana anao ny
marina amin'ireo teny mahatoky ireo, mba hanomezanao valin-teny mahatoky amin'ireo izay naniraka anao?
[22]Aza mandroba ny malahelo satria mahantra izy, na manosihosy ny ory eo am-bavahady, [23]fa Yaveh no hisolo vava azy
ireo, ary Izy handroba ny ain'ireo izay nandroba azy ireo.
[24]Aza misakaiza amin'ny olona izay fehezin'ny fahatezerana ary aza miaraka amin'izay romotra, [25]sao ianao hianatra ny
fanaony ary hahazo fandrika ho an'ny fanahinao.
[26]Aza mety ho isan'izay maninji-tanana amin'ny fiantohana, na mianto-trosa. [27]Raha tsy manana haloa ianao, inona moa
no hahasakana ny olona tsy haka ny fandriana andrianao?
[28]Aza manakisaka ny fefy vato fahizay izay efa napetraky ny razanareo. [29]Mahita olona kinga amin'ny asany ve ianao?
Hitsangana eo anoloan'ireo mpanjaka izy; tsy hitsangana eo anoloan'ny olona mahazatra izy.

23 [1]Rehefa mipetraka hihinana miaraka amin'ny mpanapaka ianao, dia diniho tsara izay eo anoloanao, [2]ary ambano
antsy ny tendanao raha olona tia mihinan-kanina be loatra ianao. [3]Aza maniry loatra ny hanim-piny, fa haninin'ny
lainga izany.
[4]Aza dia miasa mafy loatra hahazoana harena; hendre tsara hahafantaranao ny fotoana hitsaharana. [5]Hamela ny
masonao hirehitra amin'izany ve ianao? Ho dify izany, fa ho hari-elatra tahaka ny voromahery tokoa izany ka hanidina
eny amin'ny lanitra.
[6]Aza mihinana ny hanin'ny olona manao maso ratsy—ary aza maniry ny hanim-piny, [7]fa karazan'olona manisa ny vidin-
kanina izy. "Mihinàna ary misotroa!" hoy izy aminao, kanefa tsy aminao ny fony. [8]Haloanao izay kely nohaninao ary ho
very foana ny teny fandokanao.
[9]Aza miteny eo an-tsofin'ny adala, satria hanamavo ny fahendren'ny teninao izy. [10]Aza manakisaka ny fefy vato fahizay na
mananika ny sahan'ny kamboty, [11]fa mahery ny Mpanavotra azy ireny ary Izy no hisolo vava azy ireo hanohitra anao.
[12]Ampanekeo fampianarana ny fonao ary teny fahalalana ny sofinao.
[13]Aza mitsitsy ny fampianarana tsy ho amin'ny zaza, satria raha manafay azy ianao, dia tsy ho faty izy. [14]Ianao no tsy
maintsy hikapoka azy amin'ny tsorakazo ka hamonjy ny fanahiny amin'ny Fiainan-tsy hita.
[15]Ry zanako, raha hendry ny fonao, dia ho faly ihany koa ny foko; [16]hiravoravo ny any anatiko rehefa milaza izay marina
ny molotrao.
[17]Aza avela hialona ireo mpanota ny fonao, fa mitoera amin'ny tahotra an'i Yaveh mandrakariva. [18]Misy tokoa ny ho avy
ary tsy ho foana ny fanantenanao.
[19]Mihainoa—ianao! —ry zanako, ary hendre ka hampizory amin'ny lalana mahitsy ny fonao. [20]Aza minamana amin'ny
mamolava, na amin'ny fatra-pihinan-kena, [21]fa ny mamolava sy ny tendan-kanina ary ireo be torimaso dia hahantra ary
ny faharendrehana no hampitafy azy amin'ny voro-damba.
[22]Henoy ny rainao niteraka anao ary aza manao tsinontsinona ny reninao rehefa antitra izy. [23]Vidio ny marina, fa aza
mivarotra izany; mividiana fahendrena, fampianarana, ary fahazavan-tsaina.
[24]Hiravoravo tokoa ny rain'ny olo-marina, ary izay miteraka zaza hendry dia ho faly aminy. [25]Aoka ny rainao sy ny
reninao ho faly ary aoka hiravoravo izay niteraka anao.
[26]Ry zanako, omeo ahy ny fonao ary aoka ny masonao hitandriana ny lalako. [27]Fa ny vehivavy janga dia lavaka lalina, ary
fantsakana tery ny vehivavy ratsy fitondran-tena. [28]Miandriandry tahaka ny mpandroba izy ary mampitombo ny isan'ireo
mpamadika eo amin'ny zanak'olombelona.
[29]Iza no misy ozona? Iza no manana alahelo? Iza no manana ady? Iza no manana fitarainana? Iza no manana fery tsy
ahoan-tsy ahoana? Iza no manana maso mivoara-mena? [30]Ireo izay mifikitra amin'ny divay, ireo izay manandrana ny
divay mifangaro.
[31]Aza mijery ny divay raha mena izany, rehefa manganohano ao amin'ny kapoaka izany ka miraraka tsimoramora.
[32]Amin'ny farany izany dia manaikitra toy ny bibilava ary manindrona toy ny menarana. [33]Hahita zavatra hafahafa ny
masonao ary ny fonao hamoaka zava-betaveta.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[34]Ho tahaka ny olona izay matory eo amin'ny ranomasina manonja ianao na mandry eo an-tampon'ny andrin-tsambo.
[35]"Namely ahy ireny," hoy ianao, "fa tsy voa aho. Nikapoka ahy ireny, fa tsy tsapako izany. Rahoviana aho no hifoha? Hitady ho sotroina hafa indray aho."

24 [1]Aza mialona ireo izay ratsy, na maniry ny hiombona amin'izy ireo, [2]satria miteti-dratsy hanao herisetra ny fon'izy ireo ary milaza fahoriana ny molotr'izy ireo.
[3]Amin'ny fahendrena no ananganana trano ary amin'ny fahazavan-tsaina no anorenana azy. [4]Amin'ny fahalalana no hamenoana harena sarobidy sy mahafinaritra rehetra ireo efitrano.
[5]Mahery ny mpiadin'ny fahendrena, ary ny olon'ny fahalalana dia mampitombo ny heriny; [6]fa amin'ny torolalana hendry no ahafahanao miady ny adinao ary amin'ireo mpanolo-tsaina maro no misy fandresena.
[7]Avo loatra ho an'ny adala ny fahendrena; tsy manoka-bava eo am-bavahady izy.
[8]Misy olona mitetika hanao ratsy— antsoin'ny olona hoe tompon'ny tetika izy. [9]Ny tetiky ny adala dia fahotana ary ny olona dia manao tsinontsinona ny mpaniratsira.
[10]Raha tonga malemin'ny tahotra amin'ny androm-pahoriana ianao, dia kely ny herinao.
[11]Avoty ireo izay nalaina hovonoina ary arovy ireo izay mivembena eo amin'ny famonoana. [12]Raha miteny ianao hoe: "Indro, tsy nahalala na inona na inona momba izany izahay", moa ve ilay iray izay mandanja ny fo tsy hahatakatra izay lazainao? Ilay iray izay miambina ny ainao, moa ve izy tsy mahalala izany? Moa ve Andriamanitra tsy manome ny tsirairay avy izay mendrika azy?
[13]Ry zanako, mihinàna tantely satria tsara izany, satria mamy ny tantely mitete amin'ny tohon-tantely raha andramana.
[14]Tahaka izany ny fahendrena ho an'ny fanahinao—raha hitanao izany, dia hisy hoavy ary tsy ho foana ny fanantenanao.
[15]Aza manotrika tahaka ny olona ratsy fanahy izay manafika ny tranon'ny olo-marina. Aza mandrava ny tranony! [16]Fa lavo impito ny olo-marina fa tafarina ihany, fa lavo amin'ny loza ny olona ratsy fanahy.
[17]Aza mifaly raha lavo ny fahavalonao ary aoka tsy ho ravoravo ny fonao raha tafintohina izy, [18]raha tsy izany dia ho hitan'i Yaveh ary tsy ho ankasitrahany ka ho esoriny aminy ny fahatezerany.
[19]Aza matahotra noho ireo mpanao ratsy, ary aza mialona ny ratsy fanahy, [20]fa tsy mba manana hoavy ny olona ratsy ary ny jiron'ny ratsy fanahy dia ho faty.
[21]Matahora an'i Yaveh, ary matahora ny mpanjaka, ry zanako; aza miombona amin'ireo izay mikomy amin'izy ireo, [22]fa ho tonga tampoka ny loza ho azy ireo ka iza no mahalala hoe hatraiza ny faharavana izay ho tonga amin'izy roa?
[23]Ireto ihany koa ireo fitenin'ny hendry. Tsy tsara fiangarana amin'ny fitsaran-draharaha amin'ny lalàna.
[24]Na iza na iza miteny amin'ny ratsy fanahy hoe: "Olo-marina ianao", dia ho ozonin'ireo vahoaka ary ho halan'ireo firenena. [25]Nefa ireo izay manafay ny ratsy fanahy dia hahazo sitraka ary ho tonga amin'izy ireo ny fanomezan-tsoa.
[26]Ny olona izay mamaly amin-kitsim-po dia manoroka eo amin'ny molotra. [27]Omano ny asanao any ivelany, ary ataovy vonona ho anao any an-tsaha ny zavatra rehetra; aorian'izay, dia amboary ny tranonao.
[28]Aza mijoro vavolombelona hanohitra ny mpiara-belona aminao amin'ny tsy antony ary aza mamitaka amin'ny molotrao. [29]Aza miteny hoe: "Ho ataoko aminy izay efa nataony tamiko; ho valiako aminy araka izay efa nataony."
[30]Nandalo teny an-tsahan'ny olona kamo aho, niserana tamin'ny tanim-boaloboky ny olona tsy misy saina. [31]Naniry teny rehetra teny ny tsilo; rakotry ny amiana ny tany, ary ireo vaton'ny manda dia rava.
[32]Dia nahita aho ka nisaina izany; nijery aho ka nahazo anatra. [33]Haka torimaso kely, faharendrehana kely, toho-tanana kely mba hitsaharana— [34]dia ho avy hanitsaka anao ny fahantrana, ary ireo filànao dia ho tahaka ny miaramila mirongo fiadiana.

25 [1]Ireto dia mbola ohabolan'i Solomona ihany, izay nadikan'i lehilahin'i Hezekia, mpanjakan'i Joda.
[2]Voninahitr'Andriamanitra ny manafin-javatra, fa ny mitady izany no voninahitry ny mpanjaka. [3]Tahaka ny maha-an'ny avo ny lanitra sy ny maha-an'ny lalina ny tany, no maha-tsy takatry ny saina ny fon'ireo mpanjaka.
[4]Esory amin'ny volafotsy ny taim-bolafotsy ka afaka hampiasa ny volafotsy amin'ny asa tanany ny mpanao asa amin'ny vy. [5]Dia tahaka izany koa, esory eo amin'ny fanatrehan'ny mpanjaka ny olona ratsy fanahy dia ho apetraka amin'ny fanaovana izay marina ny seza fiandrianany.
[6]Aza manome voninahitra ny tenanao eo amin'ny fanatrehan'ny mpanjaka ary aza mitsangana amin'ny toerana voatendry ho an'ny olona ambony.
[7]Tsara kokoa raha miteny aminao izy hoe: "Miakara ety," noho ny hanalany baraka anao eo anatrehan'ny olo-manan-kaja iray. [8]Aza entina faingana any amin'ny fitsarana, izay natrehan'ny masonao. Satria inona no ataonao rehefa manao izay ahamenatra anao ny mpiray monina aminao amin'ny farany?
[9]Hiadio hevitra eo aminao sy ny mpiray monina aminao ihany ny raharahanao ary aza mamoaka ny tsiambaratelon'ny hafa, [10]raha tsy izany dia hitondra fahamenarana aminao sy tatitra ratsy momba anao ilay naheno anao ka tsy ho laitra ampanginina.
[11]Ny paoma volamena eo amin'ny fitoerana volafotsy dia teny nolazaina tamin' ny fotoana mety. [12]Ny peratra volamena na firavaka natao tamin'ny volamena tsara indrindra dia anatra hendry ho an'ny sofina mihaino.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Ny iraka mahatoky dia tahaka ny hatsiaky ny oram-panala amin'ny fotoam-pijinjana ho an'ireo izay maniraka azy;
mampiverina ny ain'ireo tompony izy. [14]Rahona sy ny rivotra tsy misy orana izay mirehareha amin'ny fanomezana izay
tsy nomeny.
[15]Amim-paharetana no ahafahana mandresy lahatra ny mpanapaka ary ny lela malefaka dia mety hanapaka taolana.
[16]Raha mahita tantely ianao, dia izay ampy ihany hohanina— raha tsy izany, dia hampandoa anao, ny fihinanana betsaka
loatra izany. [17]Aza ampidirina matetika loatra ao an-tranon'ny namanao ny tongotrao, mety ho leo anao izy ka hankahala
anao.
[18]Ny olona izay mijoro vavolombelona tsy marina momba ny namany dia tahaka ny langilangy, na sabatra, na zana-
tsipîka maranitra ampiasaina amin'ny ady. [19]Ny olona tsy mahatoky izay itokianao amin'ny fotoan'ny fahoriana dia
tahaka ny nify ratsy na tongotra mibolisatra.
[20]Toy ny olona iray izay manala ny akanjony amin'ny andro mangatsiaka, na toy ny vinaingitra nararaka teo ambonin'ny
sirahazo izay mikalo hira ho an'ny fo mavesatra.
[21]Raha noana ny fahavalonao, dia omeo sakafo hohanina izy, ary raha mangetaheta izy dia omeo rano ho sotroina, [22]fa
hanambatra vain'afo eo amin'ny lohany ianao ary hamaly soa anao i Yaveh.
[23]Tahaka ny hitondran'ny rivotra avaratra orana tokoa, dia hamadika ny endrika ho tezitra ny lela izay milaza
tsiambaratelo. [24]Tsara kokoa ny mipetraka eo amin'ny zoron'ny tafon-trano noho ny ao amin'ny trano izay hiraisana
amin'ny vady mpiady lava.
[25]Toy ny rano mangatsiaka ho an'izay mangetaheta, ny vaovao mahafaly avy any amin'ny firenena lavitra. [26]Tahaka ny
loharano voahosihosy sy fantsakana rava ny olo-marina mikoy eo anatrehan'ny olona ratsy fanahy.
[27]Tsy tsara ny mihinana tantely be loatra; tahaka ny hoe mitady voninahitra miampy voninahitra izany. [1] [28]Ny olona tsy
manana fahafehezan-tena dia tahaka ny tanàna rava sy tsy misy manda.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny amin'izao fotoana dia manana filazana hafa an'io andininy iray sarotra io.

---

26 [1]Tahaka ny oram-panala amin'ny lohataona na ranon' orana amin'ny taom-pijinjana, no tsy maha-mendri-kaja ny
adala. [2]Tahaka ny fody maniditsidina sy ny sidintsidina mitelina rehefa manidina izy ireo, no tsy hidinan'ny ozona
tsy mendrika.
[3]Ny karavasy dia ho an'ny soavaly, ny lamboridy dia ho an'ny ampondra ary ny tsorakazo dia ho an'ny lamosin'ny adala.
[4]Aza mamaly ny adala araka ny adalany, raha tsy izany dia ho lasa toa azy ianao.
[5]Valio ny adala ary miraisa amin'ny adalany, dia tsy ho hendry eo imasony ihany izy. [6]Na iza na iza mandefa hafatra
amin'ny tanan'ny adala dia manapaka ny tongony ihany sady misotro herisetra.
[7]Toy ny tongotry ny mararin'ny paralysisa izay miraviravy ny ohabolana ao am-bavan'ny adala. [8]Toy ny mamatotra vato
amin'ny antsamotady ny manome voninahitra ny adala.
[9]Toy ny tsilo izay milentika ao an-tanan'ny mamo lava ny ohabolana ao am-bavan'ireo adala. [10]Toy ny mpandefa tsipìka
izay mandratra ny rehetra manodidina azy ny olona izay manakarama adala na manakarama izay sendra mandalo.
[11]Toy ny alika miverina amin'ny loany, dia toy izany koa ny adala izay mamerina ny hadalany. [12]Mahita olona hendry eo
imasony ihany ve ianao? Ny adala misy antenaina kokoa noho ny aminy.
[13]Ny olona kamo manao hoe: "Misy liona eny an-dalana! Misy liona eny ankalamanjana!" [14]Toy ny varavarana mihodina
amin'ny saviliny, dia toy izany koa ny olona kamo eo am-pandriany.
[15]Ny olona kamo dia mametraka ny tanany ao an-doviany nefa tsy manana hery hanaingana izany ho ao am-bavany izy.
[16]Ny olona kamo dia hendry eo imasony ihany noho ny olona fito miaraka amin'ny fahaiza-manavaka.
[17]Tahaka ilay mihazona ny sofin'ny alika ny mpandalo izay tezitra amin'ny fifamaliana tsy azy.
[18]Tahaka ny olona mitapy izay manipy zana-tsipìka mirehitra, [19]ny olona izay mamitaka ny mpiara-belona aminy ary
manao hoe: "Tsy nivazivazy ve aho?"
[20]Nohon'ny tsy fisian'ny kitay, dia maty ny afo; ary any amin'izay tsy misy mpifosa dia mitsahatra ny fifandirana. [21]Toy ny
arina mampirehitra ny vain'afo sy ny kitay amin'ny afo, dia toy izany koa ny olona tia ady mandrehitra fifandirana.
[22]Ny tenin'ny mpifosa dia toy ny hanina matsiro; midina ao anatin'ny faritry ny vatana ireo. [23]Toy ny ankosotra taim-
bolafotsy mandrakotra ny vilany tany ny molotra mirehitra sy ny fo ratsy.
[24]Izay mankahala ny hafa dia manarona ny fihetseham-pony amin'ny molony ary mandrakitra fitaka ao anatiny ihany.
[25]Hiresaka amim-pahasoavana izy, saingy aza mino azy, satria misy fahavetavetana fito ao am-pony. [26]Na dia voasarona
fitaka aza ny fankahalany, dia haharihary eo amin'ny fiangonana ny faharatsiany.
[27]Izay rehetra mihady lavaka no hianjera ao amin'izany ary ny vato dia hikodia eo amin'izay nanosika izany. [28]Ny lela
mandainga dia mankahala ny olona izay torotoroin'izany ary ny molotra mandoka mitondra faharavana.

27 [1]Aza mirehareha amin'ny ampitso, fa tsy fantatrao izay mety ho entin'ny anio. [2]Aoka olon-kafa no handoka anao fa
tsy ny vavanao ihany; ny vahiny fa tsy ny molotrao ihany.
[3]Saino ny havesatry ny vato sy ny lanjan'ny fasika— ny fihantsian'ny adala dia mavesatra kokoa noho ireo roa ireo. [4]Misy
ny habibian'ny havinirana sy ny fandriaky ny hatezerana, fa iza no afaka hijoro eo anoloan'ny hasarotam-piaro?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Aleo anatra ampahibemaso toy izay fitia afenina. [6]Mahatoky ny ratra ataon'ny namana, fa ny fahavalo dia mety hanoroka mitafotafo anao.
[7]Ny olona izay nihinana mandra-pahavoky dia mandà na dia ny tohon-tantely aza, fa ho an'ny olona noana kosa, dia mamy ny zava-mangidy rehetra. [8]Toy ny vorona izay mirenireny miala amin'ny akaniny ny olona izay maniasia miala amin'ny fonenany.
[9]Ny ranomanitra sy emboka manitra dia mampifaly ny fo, fa ny hamamian'ny namana dia tonga avy amin'ny toroheviny amin-kitsim-po. [1][10]Aza mahafoy ny namanao sy ny rain'ny namanao, ary aza mankany amin'ny tranon'ny rahalahinao amin'ny andro-pahavoazanao. Tsara kokoa ny namana izay akaiky noho ny rahalahy izay lavitra.
[11]Hendre, ry zanako, dia ampifalio ny foko; dia hamaly an'ilay maneso ahy aho. [12]Ny lehilahy mailo dia mahatsinjo ny loza ka miafina, fa ny olona bado dia mandroso ihany ka mijaly noho izany.
[13]Alaivo ny akanjon'izay nanome antoka amin'ny vahiny, ary tano ho antoka izany rehefa manome antoka amin'ny vehivavy ratsy fitondran-tena izy. [14]Na iza na iza manome tso-drano ny namany amin'ny feo avo vao maraim-be, dia raisina ho toy ny ozona izany tso-drano izany!
[15]Ny vady mpifanditra dia tahaka ny ora-mikija amin'ny andro fahavaratra; [16]ny mihazona azy dia toy ny mihazona rivotra, na miezaka mamihina diloilo amin'ny tananao ankavanana.
[17]Ny vy mandranitra vy; tahaka izany, ny lehilahy mandranitra ny namany. [18]Izay mikarakara ny hazon'aviavy dia hihinana ny voany, ary izay miaro ny tompony dia homen-boninahitra.
[19]Tahaka ny taratry ny rano amin'ny endriky ny olona, ny taratry ny fon'ny olona amin'ny olona. [20]Tahaka ny Fiainan-tsy hita sy ny Fandringanana tsy afapo mandrakizay, dia toy izany ny mason'ny olona tsy ho afapo mandrakizay.
[21]Ny memy ho an'ny volafotsy ary ny fatana fandrendrehana ho an'ny volamena; dia amin'ny fiderana azy no hitsapana ny olona. [22]Na dia totoinao amin'ny fanoto aza ny adala—miaraka amin'ny vary—dia mbola tsy hiala aminy ihany ny adalany.
[23]Ataovy azo antoka fa fantatrao ny toetry ny ondrinao ary saino ny momba ireo biby fiompinao, [24]fa ny harena dia tsy mandrakizay. Maharitra ho an'ny taranaka rehetra ve ny satro-boninahitra? [25]Rehefa miala ny ahitra ary mitsiry ny solofony, dia angonina avy eny amin'ny havoana ny ahitra ho an'ireo ondry aman'osy.
[26]Ireo zanak'ondry ireo no hanome ny fitafianao ary ireo osy no hanome ny saran'ny saha. [27]Hisy rononon'osy ho an'ny sakafonao—sakafo ho an'ny tokantranonao— ary sakafo ho an'ny mpanomponao vavy.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny vaovao dia manana fandikana hafa an'ity andininy sarotra ity

---

28 [1]Mandositra ny ratsy fanahy raha tsy misy olona manenjika azy akory, fa ny olo-marina dia sahy tahaka ny liona tanora. [2]Nohon'ny fandikan-dalàn'ny tany, dia manana mpanapaka maro izy, fa raha miaraka amin'ny olona manana fahazavan-tsaina sy fahalalana, dia haharitra ela izany.
[3]Ny olona mahantra izay mampahory olona mahantra hafa dia toy ny orana mivatravatra izay tsy mamela hanina. [4]Ireo izay mahafoy ny lalàna dia midera olona ratsy fanahy, fa ireo izay mitandrina ny lalàna dia hiady amin'izy ireo.
[5]Ny olon-dratsy dia tsy mahatakatra ny rariny, fa ireo izay mitady an'i Yaveh no mahatakatra ny zava-drehetra. [6]Tsara kokoa ho an'ny olona mahantra ny mandeha amin'ny fahitsiana, noho ny ho an'ny olona mpanankarena izay meloka amin'ny lalany.
[7]Izay mitandrina ny lalàna no zanaka manana fahazavan-tsaina, fa izay naman'ny tendan-kanina mahamenatra ny rainy.
[8]Izay mihary ny hareny amin'ny zana-bola be loatra dia manangona ny hareny ho an'ny hafa izay hanam-piantrana amin'ny olona mahantra.
[9]Raha misy olona mamily ny sofiny tsy hihaino ny lalàna, na ny fivavahany aza maharikoriko. [10]Na iza na iza mamily lalana ny mahitsy amin'ny lalàn-dratsy dia hilatsaka ao amin'ny lavany ihany, fa ny tsy misy tsiny no hanana lova tsara.
[11]Ny olona manan-karena dia mety ho hendry eo imasony ihany, fa ny olona mahantra izay manana fahazavan-tsaina no hahita azy. [12]Rehefa misy fandresena ho an'ny olo-marina, dia misy voninahitra lehibe, fa rehefa mitsangana ny ratsy fanahy, dia miafina ny olona.
[13]Izay manafina ny fahotany tsy ho ambinina, fa izay miaiky sy mahafoy ireo no hanehoana famindram-po. [14]Ho tahiana izay miaina amin'ny fanehom-panajana mandrakariva, fa izay rehetra manamafy ny fony dia ho tra-pahoriana.
[15]Tahaka ny liona mierona na bera miremby ny mpanapaka ratsy fanahy eo amin'ny olona mahantra. [16]Ny mpanapaka tsy ampy fahazavan-tsaina dia mpampahory lozabe, fa izay mankahala ny tsy fahamarinana no hampitombo ny androny.
[17]Raha meloka ny olona iray satria nandatsaka ràn'olona, dia ho mpitsoa-ponenana mandra-pahafatiny izy ary tsy hisy olona hamonjy azy. [18]Na iza na iza mandeha amin'ny fahitsiana dia ho arovana, fa ilay iray izay mandeha amin'ny lala-meloka no ho lavo tampoka.
[19]Izay miasa ny taniny dia hanana hanina maro, fa na iza na iza manaraka ny zava-poana dia hahazo fahantrana be. [20]Ny olona mahatoky dia hanana fitahiana lehibe, fa izay malaky mahazo harena dia tsy ho afa-maina.
[21]Tsy tsara ny maneho fiangarana, fa ho an'ny sombi-mofo no hanaovan'ny olona ny tsy mety. [22]Ny olona kahihitra dia manenjika harena faingana, saingy tsy fantany fa ny fahantrana no ho tonga eo aminy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Na iza na iza mananatra olona, dia hahita sitraka bebe kokoa avy aminy noho ny avy amin'ny ilay iray izay mandoka azy amin'ny lelany aorian'izany. [24]Na iza na iza mandroba ny rainy sy ny reniny ary miteny hoe: "Tsy fahotana izany," dia naman'ilay iray izay manimba izy.
[25]Ny olona tsy mahonon-tena manetsika fifandirana, fa izay matoky an'i Yaveh no hambinina. [26]Izay matoky ny fony ihany dia adala, fa na iza na iza mandeha am-pahendrena dia handositra ny loza.
[27]Izay manome ny mahantra dia tsy ho ory na inona na inona, fa na iza na iza mihirim-belona amin'izy ireo dia handray ozona be dia be. [28]Rehefa mitsangana ny olona ratsy fanahy, dia miafina ny olona, fa ny olona ratsy fanahy dia ho foana, ary hitombo ny olo-marina.

29 [1]Ny olona iray izay nandray anatra maro kanefa manamafy ny hatony dia ho rava ao anatin'ny fotoana fohy tsy misy fanasitranana. [2]Rehefa mitombo ny olo-marina, dia mifaly ny olona, fa rehefa ny olona ratsy fanahy no mpanapaka, dia misento ny olona.
[3]Na iza na iza tia ny fahendrena dia mahafaly ny rainy, fa izay miaraka amin'ny mpijangajanga dia manimba ny hareny.
[4]Mametraka ny tany amin'ny rariny ny mpanjaka, fa izay mangataka tsolotra kosa dia manimba izany.
[5]Ny olona izay mandoka ny namany dia mamelatra harato ho an'ny tongony. [6]Ao amin'ny fahotan'ny ratsy fanahy ny fandrika, fa ny olo-marina kosa dia mihira ary mifaly.
[7]Ny olo-marina dia mihevitra ny adin'ny olona mahantra; ny olona ratsy fanahy dia tsy mahatakatra fahalalana toy izany.
[8]Mampirehitra ny tanàna ny mpaniratsira, fa ireo izay hendry kosa dia mampivily fahatezerana.
[9]Rehefa miady hevitra amin'ny adala ny olon-kendry iray, dia romotra izy ary mihomehy, ary tsy hisy fitsaharana. [10]Ny lian-drà dia mankahala izay tsy manan-tsiny ary mifofo ny ain'ny marina.
[11]Ny adala dia mampiseho ny hatezerany rehetra, fa ny olon-kendry kosa dia mitàna izany ary mampitony ny tenany.
[12]Raha mihaino lainga ny mpanapaka, dia ho ratsy fanahy avokoa ireo manam-pahefany rehetra.
[13]Ny olona mahantra sy ny mpampahory dia mitovitovy, fa Yaveh dia manome hazavana ho an'ny mason'izy roa ireo.
[14]Raha mitsara ny mahantra amin'ny fahamarinana ny mpanjaka iray, dia hitoetra mandrakizay ny seza fiandrianany.
[15]Ny tsorakazo sy ny anatra dia manome fahendrena, fa ny zanaka afaka tamin'ny fitsipika dia mahamenatra ny reniny.
[16]Rehefa eo amin'ny fahefana ny olona ratsy fanahy, dia mitombo ny fandikan-dalàna, fa ny olo-marina kosa dia hahita ny fionganan'ny olona ratsy fanahy.
[17]Fehezo ny zanakao dia hanome fitsaharana anao izy; hitondra hamamiana amin'ny fiainanao izy. [18]Any amin'izay tsy misy fahitana ara-paminaniana dia mihabiby ny olona, fa tahiana izay mitandrina ny lalàna.
[19]Tsy ho voahitsy amin'ny teny ny andevo, fa na dia mahatakatra izy; dia tsy hisy valiny. [20]Jereo anie ny olona izay faingam-piteny? Misy fanantenana bebe kokoa ho an'ny adala noho ny aminy.
[21]Izay mampihanta ny andevony hatramin'ny fahatanorany, dia hanana olana any amin'ny faran'izany. [22]Ny olona tezitra manetsika fifandirana ary ny tompon'ny fahavinirana hanao fahotana maro.
[23]Ny avonavon'ny olona iray mampihetry azy, fa izay manana fanahy mietry kosa dia homem-boninahitra. [24]Izay mizara amin'ny mpangalatra dia mankahala ny ainy ihany; mandre ny ozona izy fa tsy miteny na inona na inona.
[25]Ny tahotra ny olona dia mahatonga fandrika, fa izay matoky an'i Yaveh no ho voaaro. [26]Maro ireo izay mitady ny tavan'ny mpanapaka, kanefa avy amin'i Yaveh ny rariny ho an'ny olona iray.
[27]Ny olona tsy marina dia fahavetavetana ho an'ny olo-marina, fa izay mahitsy lalana kosa dia maharikoriko ny olona ratsy fanahy.

30 [1]Ny tenin'i Agora zanak'i Jake—fampitana: nitory tamin'i Itiela io lehilahy io, tamin'i Itiela sy Okala: [1] [2]Toy ny biby tokoa aho mihoatra ny olona ary tsy manana ny fahazavan-tsain'ny olombelona aho. [3]Tsy nianatra fahendrena aho, na manana ny fahalalana ilay Iray Masina.
[4]Iza no niakatra sy nidina tany an-danitra? Iza no nanangona ny rivotra teny an-tanany? Iza no navoangona ny rano teo amin'ny lambany? Iza no nanorina ny faran'ny tany rehetra? Iza no anarany, ary iza no anaran-janany? Fantatrao tokoa izany!
[5]Voazaha toetra avokoa ny tenin'Andriamanitra; ampinga ho an'ireo izay mialoka aminy Izy. [6]Aza manampy amin'ny teniny, sao ho faiziny ianao, ary ho voaporofo fa mpandainga.
[7]Zavatra roa no angatahiko aminao, ary aza mihazona ireo mialohan'ny hahafatesako: [8]Alaviro ahy ny zava-poana sy ny lainga. Aza omena ahy na ny fahantrana na ny harena, fa omeo ahy fotsiny ny hanina izay ilaiko. [9]Fa raha manana be loatra aho, dia mety handà anao ka hiteny hoe: "Iza moa Yaveh?" Na raha tonga mahantra aho, dia mety hangalatra ka handoto ny anaran'ny Andriamanitro.
[10]Aza manendrikendrika ny andevo eo anatrehan'ny tompony, sao hanozona anao izy ary ho voatana ho meloka ianao.
[11]Misy taranaka manozona ny rainy sady tsy misaotra ny reniny. [12]Misy taranaka madio eo imasony ihany, kinanjo tsy voasasa tamin'ny lotony akory.
[13]Misy taranaka manandratra ny masony, ary endrey ny fisandratan'ny hodi-masony! [14]Misy taranaka izay sabatra ny nifiny, ary ny valanoranony tahaka ny antsy, mba handrapahany ny mahantra hiala amin'ny tany ary ny ory tsy ho eo amin'ny zanak'olombelona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Ny dinta manan-janaka vavy roa: "Omeo, Omeo" hoy ny fihiakiakany. Misy zavatra telo izay tsy mety afapo, efatra izay tsy mba milaza mihitsy hoe: "Ampy izay": [16]dia ny Fiainan-tsy hita; ny kibo momba; ny tany tsy vonton-drano; ary ny afo no tsy mba milaza mihitsy hoe: "Ampy izay!" [17]Ny maso izay maniratsira ny ray sady mandrabiraby ny fankatoavana ny reny, ho tsaingohan'ny goaika any an-tsaha ny mason'izany, ary ho lanin'ny volotoro izy.
[18]Misy zavatra telo izay mahagaga loatra ho ahy, eny efatra izay tsy takatro: [19]ny lalan'ny voromahery eny an-danitra; ny lalan'ny bibilava eny amin'ny vatolampy; ny lalan'ny sambo eny afovoan'ny ranomasina; ary ny lalan'ny lehilahy miaraka amin'ny tovovavy.
[20]Izao no fomban'ny vehivavy janga: mihinana izy ka mamafa ny vavany ary miteny hoe: "Tsy nanao ratsy aho."
[21]Mihovitrovitra eo ambanin'ny zavatra telo ny tany, ary ambanin'ny zavatra efatra no tsy zakany: [22]dia ny andevo raha tonga mpanjaka, ny adala raha voky hanina; [23]ny vehivavy ankahalaina raha ampakarina; ary ny mpanompo vavy raha maka ny toeran'ny tompo vaviny.
[24]Zavatra efatra eto an-tany no kely kanefa hendry tokoa: [25]ny vitsika dia voahary tsy matanjaka, kanefa manomana ny sakafony amin'ny fahavaratra izy ireo; [26]ny hyraky ny vato dia tsy voahary mahery, kanefa manao ny fonenany anaty vatolampy.
[27]Ny valala dia tsy manana mpanjaka, kanefa mirindra milahatra tsara ny diany. [28]Ary ny amin'ny antsiantsy, dia azonao hazonina amin'ny tananao roa izany, kanefa dia hita any amin'ireo lapan'ny mpanjaka.
[29]Misy zavatra telo izay tsara famindra ary efatra izay tsara ny fomba fandehany: [30]ny liona, izay mahery indrindra amin'ireo bibidia— tsy miery amin'ny inona na inona izany; [31]ny akoholahy mpiady; ny osilahy; ary ny mpanjaka izay eo anilany ny miaramilany.
[32]Raha adala ianao, nanandra-tena, na raha namisavisa ratsy—dia ataovy eo am-bavanao ny tananao. [33]Ny fanontsankontsanana ny ronono no mahatonga ronono mandry ary toy ny fivoahan-drà amin'ny oron'ny olona raha ahodikodina izany, dia toy izany koa ny asa atao amin-katezerana dia miteraka ady.

---

[a]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia misy hoe: "Nambaran'io lehilahy io hoe: "Reraka aho, Andriamanitra o, reraka aho. Tsy afaka manao na inona na inona aho."'

---

31 [1]Ireo tenin'i Lemoela mpanjaka—anatra nampianarin'ny reniny azy. [2]Inona, ry zanako? Inona izany, ry zanaky ny kiboko? Inona no tadiavinao, ry zanaky ny voadiko? [3]Aza omena ny vehivavy ny herinao, na ny lalanao ho an'ireo izay mamotika ny mpanjaka.
[4]Izany dia tsy ho an'ny mpanjaka, ry Lemoela, tsy ho an'ireo mpanjaka ny fisotroana divay, na koa ho an'ny mpanapaka mba hanontany hoe: "Aiza ny zava-pisotro mahery?" [5]Fandrao hadinoin'izy ireo izay efa voadidy, ary hamadika ny marina ho amin'ny fahoriana rehetra.
[6]Omeo zava-pisotro mahery ny olona izay efa ho faty ary divay ho an'ireo anaty fahoriana mangidy. [7]Hisotro izy ary hanadino ny fahantrany ary tsy hahatsiaro ny fahoriany izy.
[8]Mitenena ho an'ireo izay tsy afaka miteny, ho an'ny adin'izay rehetra efa ho faty. [9]Mitenena mafy ka mitsarà araka ny rariny ary misoloa vava ho an'ny olona mahantra sy ory.
[10]Iza no afaka mahita vehivavy mahavita azy? Ny lanjany dia mihoatra lavitra noho ny firavaka. [11]Ny fon'ny vadiny mitoky aminy, ary tsy hahantra mihitsy izy. [12]Manao zava-tsoa ho azy izy ary tsy manao ratsy amin'ny androm-piainany rehetra.
[13]Misafidy volon'ondry sy rongony izy, ary miasa an-kafaliana amin'ny tanany. [14]Tahaka ireo sambon'ny mpanao raharaham-barotra izy; avy lavitra no itondrany ny sakafony. [15]Mifoha izy raha mbola alina ary manome hanina ho an'ny ankohonany, ary mizara ny asa ho an'ireo mpanompo vaviny.
[16]Izy no mandinika ny saha ary mividy izany, amin'ny vokatry ny tanany no amboleny voaloboka. [17]Mampitafy hery ny tenany izy ary mampatanjaka ny sandriny.
[18]Mahafantatra izay mety ho tombony tsara ho azy izy; mandritra ny alina tontolo ny jirony dia tsy maty. [19]Apetrany eo amin'ny ampela ny tanany, ary tazominy ny fihazonam-bohavoha.
[20]Manatsotra ny tanany amin'ny olona ory izy; manatsotra ny tanany amin'ny olona mahantra izy. [21]Tsy matahotra oram-panala ho amin'ny ankohonany izy, satria ny ankohonany rehetra dia mitafy volon'ondry mena.
[22]Manamboatra firakotra ho an'ny fandriany izy, ary miakanjo fitafy rongony manify volomparasy. [23]Ny vadiny no fantatra ao amin'ny vavahady, rehefa mipetraka miaraka amin'ny loholon'ny tany izy.
[24]Manamboatra akanjo rongony fotsy izy ary mivarotra ireo, ary namatsy samboady ho an'ireo mpivarotra izy. [25]Mitafy ny hery sy ny voninahitra izy, ary mihomehy amin'ny fotoana ho avy izy.
[26]Manokatra ny vavany amin'ny fahendrena izy ary eo amin'ny lelany ny laläan'ny hatsaram-panahy. [27]Miambina ny lalan'ny ankohonany izy ary tsy mihinana ny mofon'ny fahalainana.
[28]Mitsangana ny zanany ka miantso azy hoe voatahy, ary midera azy ny vadiny, manao hoe: [29]"Maro ny vehivavy efa nanao ny tsara, saingy mihoatra azy rehetra ianao."
[30]Fitaka ny fahatsarana, zava-poana ny hatsaran-tarehy, fa ny vehivavy matahotra an'i Yaveh, dia ho deraina izy. [31]Omeo azy ny vokatry ny tanany ary aoka ny asany hidera azy eny amin'ny vavahady.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Mpitoriteny

1 [1]Ireto ny tenin'ilay Mpitoriteny, ilay taranak'i Davida sy mpanjakan'i Jerosalema. [2]Ny Mpitoriteny milaza izao. "Toy ny enton'ny zavona, toy ny tsio-drivotra, ny fanjavonan'ny zavatra rehetra, mamela fanontaniana maro. [3]Inona no tombon-tsoa azon'ny olombelona avy amin'ny asa rehetra izay nisasarany teo ambany masoandro?
[4]Ny taranaka iray lasa, ary ny taranaka iray hafa tonga, kanefa ny tany mitoetra mandrakizay. [5]Miposaka ny masoandro, ary milentika izany ary maika hiverina any amin'ny toerana izay hiposahany indray. [6]Mitsoka mianatsimo ny rivotra ary manao faribolana mihodina mankany avaratra, mandeha mihodina amin'ny lalany hatrany ary miverina indray.
[7]Ireo ony rehetra mikoriana any an-dranomasina, fa ny ranomasina tsy mba mety feno. Any amin'izay toerana handehanan'ireo ony, no handehanan'izany indray. [8]Lasa mandreraka ny zavatra rehetra, ary tsy misy afaka manazava izany. Ny maso tsy afa-po amin'izay hitany, na ny sofina tanteraka amin'izay reny.
[9]Izay rehetra efa teo dia mbola ho eo, ary izay rehetra efa vita no mbola ho atao. Tsy misy zavatra vaovao ety ambany masoandro. [10]Moa ve misy zavatra izay mety ho lazaina hoe: 'Indro, zava-baovao ity'? Izay rehetra misy dia efa nisy hatramin'ny fotoana ela, nandritr'ireo taona izay tonga ela talohantsika. [11]Toa tsy misy hita ho mahatadidy ireo zavatra izay nitranga tamin'ny fotoana fahiny, sy ireo zavatra izay nitranga vao haingana ary ireo izay mbola hitranga amin'ny ho avy dia tsy ho tadidy koa."
[12]Izaho ilay Mpitoriteny, ary efa mpanjaka teo amin'Israely tany Jerosalema. [13]Nampiasa ny saiko aho mba hianatra sy hitady am-pahendrena ny zavatra rehetra izay natao teo ambanin'ny lanitra. Izany fitadiavana izany dia asa mavesatra izay nomen'Andriamanitra an'ireo zanak'olombelona mba hisasarana. [14]Efa hitako avokoa ny asa rehetra izay natao teo ambany masoandro, ary indro, izy rehetra ireo dia entona mihavosa sy fikasàna ny hanohitra ny rivotra. [15]Ny meloka dia tsy mety hahitsy! Ny tsy tonga tsy azo isaina!
[16]Niteny tamin'ny foko aho nanao hoe: "Indro, izaho dia nahazo fahendrena lehibe noho ireo rehetra izay talohako tany Jerosalema. Ny saiko dia nahita fahendrena sy fahalalana lehibe." [17]Koa nampiasa ny foko aho mba hahalala fahendrena sy fahaverezan-tsaina ary hadalana ihany koa. Tonga aho mba hahatakatra fa fikasàna ny hanohitra ny rivotra ihany koa izany. [18]Fa amin'ny fitobahan'ny fahendrena no mampisy fahoriana be, ary izay mampitombo fahalalana dia mampitombo alahelo.

2 [1]Hoy aho anakampo hoe: "Manatòna izao, hitsapa anao amin'ny hafaliana aho. Ka tiava fahafinaretana." [2]Fa indro, tsio-drivotra mandalo ihany izany. Hoy aho tamin'ny fihomehezana hoe: "Fahadalana izany," ary tamin'ny fahafinaretana hoe: "Inona no ilàna izany?"
[3]Nizaha ny tao am-poko aho hoe ahoana no hahitako fahafinaretana amin'ny divay. Avelako tarihin'ny saiko amin'ny fahendrena aho na dia mbola voatazona tamin'ny hadalana ihany aza aho. Te hahita izay tsara ho an'ny olona mba hatao ety ambanin'ny lanitra aho mandritr'ireo andro hiainany.
[4]Nanatanteraka zavatra lehibe aho. Nanangana trano ho ahy aho ary namboly teo amin'ireo tanim-boaloboka.
[5]Nanangana zaridaina sy saha ho an'ny tenako aho; namboly ireo karazan-kazo rehetra fihinam-boa teo amin'izany aho.
[6]Namorona farihin-drano mba hamatsiana rano ireo ala izay nitomboan'ireo hazo aho.
[7]Novidiko ireo andevo lahy sy ireo andevo vavy; nanana andevo teraka tao an-dapako aho. Nanana omby maro sy ondry aman'osy ho biby fiompy ihany koa aho, betsaka mihoatra noho ny an'ireo mpanjaka izay nanapaka teo alohako tao Jerosalema. [8]Nanangona volafotsy sy volamena, ny haren'ireo mpanjaka sy ireo faritany ho an'ny tenako ihany koa aho. Nanana mpihira lahy sy vavy ho an'ny tenako manokana aho— ireo fahafinaretan'ny zanak'olombelona—ary vaditsindrano maro. [1]
[9]Dia lasa lehibe sy mpanakarena mihoatra noho ireo rehetra izay teo alohako tao Jerosalema aho, ary ny fahendreko nitoetra tamiko. [10]Na inona na inona nirian'ny masoko, dia tsy nohazoniko tamin'izy ireo. Tsy nihazona ny foko tamin'ny fahafinaretana rehetra ny aho, satria ny foko dia nifaly tamin'ny asako rehetra ary ny fahafinaretana no valisoako tamin'ny asako rehetra.
[11]Dia nijery ireo asa rehetra vitan'ny tanako aho, sy ireo fisasarana izay nataoko, fa ny zava-drehetra dia entona sy fikasana hanohitra ny rivotra indray. Tsy nisy tombon-tsoa tamin'izany tety ambanin'ny masoandro. [12]Avy eo dia nitodika aho mba hihevitra ny fahendrena, ary koa ny fahaverezan-tsaina sy ny fahadalana. Fa inona no azon'ny mpanjaka ho avy handimby ny mpanjaka atao, izay tsy mbola tanteraka?
[13]Dia nanomboka nihanazava ny saiko fa ny fahendrena dia ahazoana tombony kokoa noho ny fahadalana, tahaka ny fahazavana tsara kokoa noho ny aizina. [14]Ny olon-kendry dia mampiasa ny masony eo amin'ny lohany mba hijerena ny lalan-kalehany, fa ny adala dia mandeha amin'ny maizina, na dia fantatro aza fa lahatra mitovy ihany no ho an'ny olon-drehetra.
[15]Dia hoy aho tao am-poko hoe: "Izay manjo ny adala, dia hanjo ahy ihany koa. Koa inona no maha-samihafa izany raha ho tena hendry aho?" Dia nofeheziko tao am-poko hoe: "Ity koa dia entona fotsiny ihany." [16]Fa ny olon-kendry, tahaka ny adala, dia tsy ho tsaroina ela akory. Ho avy ny andro izay hanadinoina ny zava-drehetra. Ny olon-kendry dia maty tahaka ny mahafaty ny adala.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Ka dia nankahala ny fiainana aho satria ireo asa rehetra izay vita teo ambany masoandro dia ratsy tamiko. Izany dia satria ny zava-drehetra dia entona sy fikasana hanohitra ny rivotra. [18]Halako avokoa ireo fisasarako rehetra izay niasako teny ambany masoandro satria dia tsy maintsy mamela ireny any aoriana ho an'izay lehilahy ho avy manaraka ahy aho.
[19]Fa iza no mahalala na ho olo-kendry izy na ho adala? Nefa izy dia ho tompo eran'ny zava-drehetra ambany masoandro izay natsangan'ny fisasarako sy ny fahendreko. Entona ihany koa izany. [20]Noho izany dia nanomboka namoy fo tamin'ireo asa rehetra izay nataoko teo ambany masoandro aho.
[21]Fa mety misy ny olona izay misasatra amin'ny fahendrena, amin'ny fahalalana, ary amin'ny fahaiza-manao, fa havelany ho an'ny lehilahy izay tsy nanao na iray tamin'ireo aza ny zava-drehetra hananany. Izany koa dia entona sy loza lehibe.
[22]Fa inona no tombon-tsoa azon'ny olona izay miasa mafy sy miezaka manao amin'ny fony ireo asany eo ambany masoandro? [23]Isan'andro dia maharary sady mampiady saina ny asany, ka dia tsy mahita fitsaharana ny fanahiny amin'ny alina. Izany koa dia entona.
[24]Tsy misy zavatra tsara amin'ny olona mihoatran'ny hoe mihinana sy misotro fotsiny ary afa-po amin'izay tsara amin'ny asany. Dia nahita aho fa avy amin'ny tanan'Andriamanitra izany marina izany. [25]Fa iza no afaka hihinana na iza no afaka hanana fahafinaretana isan-karazany ankoatry ny avy amin'Andriamanitra?
[26]Fa izay mahafaly Azy, dia homen'Andriamanitra fahendrena sy fahalalana ary fifaliana. Kanefa, ny mpanota dia omeny ny asa fanangonana sy fitehirizana mba hahafahany manome izany ho an'ny olona izay mahafaly an'Andriamanitra. Izany koa dia anisan'ny entona sy fikasana hanohitra ny rivotra.

---

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny taty aoriana nandika ny tapany farany amin'ity andininy ity tamin'ny fomba samihafa: "ireo zavatra rehetra izay tian'ny olona." "ireo vaditsindrano sy ireo izay rehetra nahafinaritra ireo lehilahy". sns

---

3 [1]Fa ny zava-drehetra dia efa voatondro amin'ny fotoany, ary ny vanim-potoana ho amin'ny tanjona tsirairay ambany lanitra. [2]Misy fotoana ahaterahana ary fotoana ahafatesana, fotoana hambolena ary fotoana hamokarana, [3]fotoana hamonoana ary fotoana hanasitranana, fotoana handravana ary fotoana hananganana.
[4]Misy fotoana hitomaniana ary fotoana hihomehezana, fotoana hisaonana ary fotoana handihizana, [5]fotoana hanariam-bato ary fotoana hanangonam-bato, fotoana hamihinana olon-kafa, ary fotoana handrarana ny famihinana.
[6]Misy fotoana hitadiavan-javatra ary fotoana hitsaharana mitady, fotoana hifikirana amin-javatra ary fotoana hanariana izany, [7]fotoana handrovitana ary fotoana hanjairana, fotoana hanginana ary fotoana hitenenana.
[8]Misy fotoana hitiavana ary fotoana hankahalana, fotoana hiadiana ary fotoana hihavanana. [9]Inona no tombony azon'ny mpiasa amin'ny asany? [10]Efa hitako ny asa izay nomen'Andriamanitra ho tanterahan'ny olombelona.
[11]Efa nanao ny zava-drehetra hifanaraka amin'ny fotoany Andriamanitra. Efa nampitoetra ny mandrakizay tao am-pon'ireo ihany koa Izy. Nefa tsy afaka hahatakatra ny asa lehibe izay nataon'Andriamanitra ny olombelona, hatramin'ny fiatombohany ka hatramin'ny fiafarany.
[12]Fantatro fa tsy misy zavatra tsara ho an'ny olona noho ny mifaly sy manao zava-tsoa hatrany raha mbola velona koa izy — [13]ary ny olon-drehetra dia tokony hihinana sy hisotro, ary tokony hahay hifaly amin'ny tsara izay avy amin'ny asany rehetra. Fanomezana avy amin'Andriamanitra izany.
[14]Fantatro fa izay rehetra ataon'Andriamanitra dia maharitra mandrakizay. Tsy afaka ampiana izany na analana, satria Andriamanitra no efa nanao izany mba anatonan'ny olona Azy amin'ny voninahitra. [15]Izay rehetra misy dia efa nisy, izay rehetra hisy dia efa nisy. Andriamanitra dia nanao ny olombelona hitady ireo zava-miafina. [1]
[16]Efa nahita ny faharatsiana izay ety ambany masoandro aho, izay tokony hisy ny rariny, ary eo amin'ny toeran'ny fahamarinana, dia ny faharatsiana no tao. [17]Hoy aho anakampo hoe: "Ho tsarain'Andriamanitra amin'ny fotoany ny olo-marina sy ny ratsy fanahy ny amin'ny raharaha sy ny asany rehetra."
[18]Hoy aho anakampo hoe: "Mizaha toetra ny olombelona Andriamanitra mba hanehoana azy ireo fa tahaka ny biby izy ireo."
[19]Fa amin'izy ireo dia sahala ny manjo ny zanak'olombelona sy ny manjo ny biby. Ny fahafatesan'ny iray dia tahaka ny fahafatesan'ny iray hafa. Mitovy ny fofon'ain'izy rehetra. Tsy misy tombony ho an'ny olombelona eo amin'ny biby. Fa moa ve tsy fofon'aina fotsiny ihany ny zava-drehetra?[20]Ny zava-drehetra dia samy mizotra amin'ny toerana iray. Ny zava-drehetra dia avy amin'ny vovoka, ary ny zava-drehetra dia hody vovoka.
[21]Iza no mahalala na miakatra any ambony ny fanahin'ny olombelona ary midina any amin'ny tany ny fanahin'ny biby? [2] [22]Ka dia tsapako indray fa tsy misy zavatra tsara ho an'ny olona noho ny mifaly amin'ny asany, fa izany no asa nanendrena azy. Iza no afaka hitondra azy miverina mba hijery izay mitranga aoriany?

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Andriamanitra dia nanao ny olombelona hitady ireo zava-miafina", ireo dikan-teny vaovao hafa mandika io an-dalana io amin'ny fomba maro samihafa.
[2]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany vaovao manao hoe: "Iza no mahalala ny fanahin'ny olombelona, izay miakatra any ambony, ary ny fanahin'ny biby, izay midina any amin'ny tany?"

4

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Nandinika indray mandeha momban'ny fahoriana rehetra izay vita teo ambany masoandro aho. Ary indro, ny ranomason'ny olona nampahoriana, ary izy ireo dia tsy nanana na iza na iza mba hampionona azy! Teo an-tanan'ny mpampahory azy ireo ny hery, ary tsy nisy na iray aza hampionona azy ireo!
[2]Noho izany dia miarahaba ny olona maty aho, ireo izay efa maty, fa tsy ny miaina, ireo izay mbola velona. [3]Kanefa, sambatra noho izy roa tonta ny olona izay tsy mbola nohariana, izay tsy mbola nahita ny asa ratsy rehetra izay vita teo ambany masoandro.
[4]Ary itako fa ny asa tsirairay sy ny fahaiza-manao tsirairay dia lasa fitsiririritan'ny mpiara-monina hafa. Izany ihany koa dia entona sy fikasana hanohitra ny rivotra.
[5]Ny adala mamoritra ny tanany ary tsy miasa, ka dia ny nofony ihany no sakafony. [6]Fa tsara kokoa ny tombony iray tanana amin'ny asa mangina noho ny roa tanana amin'ny asa izay miezaka ny manohitra rivotra.
[7]Avy eo dia nandinika momban'ny zava-poana maro indray aho, fifanjavoana zavona maro teo ambany masoandro. [8]Misy ny karazan-dehilahy izay mitoetra irery. Tsy manana na iza na iza izy, na zanaka lahy na rahalahy. Tsy misy fiafarana ny asany, ary ny masony tsy mba afa-po amin'ny harena azo. Nanontany tena izy hoe: "Ho amin'iza no hiasako mafy ary handàvan'ny tenako ny fifaliana?" Zava-poana ihany koa izany, toe-javatra ratsy.
[9]Tsara kokoa ny olona roa miasa noho ny iray; raha miaraka izy ireo dia afaka mahazo karama tsara ho an'ny asany. [10]Fa raha lavo ny iray, dia afaka manarina ny namany ilay iray hafa. Kanefa, ny alahelo dia manaraka ilay iray izay irery rehefa lavo izy ka tsy misy na iray aza manarina azy. [11]Raha roa no miara-mandry, dia mety hafana izy ireo, saingy ahoana no hampafana irery ny iray?
[12]Ny lehilahy irery no mety resy, fa ny roa mety afaka manohitra fanafihana, ary ny kofehy telo tsy ho mora tapahina.
[13]Tsara kokoa ny mahantra fa tanora hendry toy izay mpanjaka antitra adala izay tsy mahafantatra intsony ny fomba ihainoana fampitandremana. [14]Marina izany na dia lasa mpanjaka aza ny tovolahy iray avy any am-ponja, na dia mbola nateraka hahantra ao amin'ny fanjakany aza izy.
[15]Kanefa, izaho dia nahita ny olona rehetra izay velona sy mandeha ambanin'ny masoandro mandefa ny tenan'izy ireo mankany amin'ny tovolahy hafa izay nitsangana tahaka ny mpanjaka. [16]Tsy misy fiafarana ho an'ny olona rehetra izay maniry ny hankatò ny mpanjaka vaovao, fa aoriana kely dia maro amin'izy ireo no tsy hidera azy intsony. Entona tokoa izany toe-javatra izany ary fikasana hanohitra ny rivotra.

5 [1]Tandremo ny fitondran-tenanao rehefa mankany an-tranon'Andriamanitra ianao. Mandehana any mba hihaino. Ny mihaino dia tsara noho ny adala manolotra sorona nefa tsy mahalala fa ratsy ny ataon'izy ireo eo amin'ny fiainana.
[2]Aza malaky loatra miteny amin'ny vavanao, ary aoka ny fonao tsy halaky loatra hampiakatra izay raharaha rehetra eo anoloan'Andriamanitra. Any an-danitra Andriamanitra, fa ianao ety an-tany, koa aoka ho vitsy ireo teninao. [3]Raha be loatra ny zavatra ataonao sy mampiahiahy anao, dia hanofy ratsy tokoa ianao. Ny habetsak'ireo teny lazainao, no habetsaky ny fahadalana mety ho lazainao.
[4]Rehefa mivoady amin'Andriamanitra ianao, dia aza mitaredretra amin'ny fanaovana izany, fa tsy sitrak'Andriamanitra ireo adala. Ataovy izay nanaovanao voady fa ho ataonao. [5]Aleo tsy mivoady toy izay manao voady izay tsy tanterakao akory.
[6]Aza avela hampanota ny nofonao ny vavanao. Aza miteny amin'ny iraky ny mpisorona hoe: "Fahadisoana iny voady iny." Nahoana no mampatezitra an'Andriamanitra amin'ny fanaovana voady tsy izy, mihantsy an'Andriamanitra hanimba ny asan'ny tananao? [7]Fa ao amin'ny nofy maro, tahaka ny ao amin'ny teny maro, dia misy entona tsy misy dikany. Koa matahora an'Andriamanitra.
[8]Raha hitanao ampahoriana sy robaina amin'ny fitondrana marina sy mahitsy ao amin'ny faritaninao ny mahantra, dia aza gaga raha tsy misy olona mahalala, satria misy olona mahery izay miambina ireo eo ambany fahefan'izy ireo, ary misy olona ambony kokoa aza manapaka azy ireo. [9]Fanampin'izany, an'ny olon-drehetra ny vokatry ny tany, ary ny mpanjaka mihitsy no maka ny vokatra amin'ireo saha.
[10]Ny olona rehetra izay tia volafotsy dia tsy ho afa-po amin'ny volafotsy, ary ny olona rehetra izay tia harena dia mitady mihoatra lalandava. Izany, ihany koa, dia entona. [11]Tahaka ny hitomboan'ny fanambinana, dia tahaka izany ihany koa ny olona izay mihinana izany. Inona no tombon-tsoa an'ny tompony amin'ny harena afa-tsy ny mijery izany amin'ny masony?
[12]Mamy ny torimason'ny olona miasa, na mihinana kely na betsaka izy, fa ny haren'ny olona mpanan-karena dia tsy mamela azy hatory tsara.
[13]Misy ratsy mahory izay efa hitako tety ambany masoandro: dia harena angonin'ny tompony, fa miafara amin'ny fahoriany ihany. [14]Raha very amin'ny vintan-dratsy ny haren'ny olona mpanan-karena, ny zanany lahy, ilay naterany, dia tavela tsy manana na inona na inona eo an-tanany.
[15]Tahaka ny olona teraka nitanjaka avy ao an-kibon-dreniny, dia mitanjaka toy izany ihany koa no hialany amin'ity fiainana ity. Tsy afaka hitondra na inona na inona eny an-tanany avy amin'ny asany izy. [16]Ny ratsy mahory hafa dia tahaka ny olona tonga tokoa, koa toy izany koa no tsy maintsy handehanany. Koa inona ny tombony azon'ny olona amin'ny fiasana ho an'ny rivotra? [17]Mandritry ny androny dia mihinana amin'ny aizina izy ary ory fatratra amin'ny aretina sy hatezerana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[18]Indro, izay efa hitako ho tsara sy mety dia ny mihinana sy misotro ary mankafy ny tombony avy amin'ny asantsika rehetra, raha miasa ambanin'ny masoandro mandritry ity androm-piainana izay efa nomen'Andriamanitra antsika ity. Fa izany no anjaran'ny olona.
[19]Ny olona izay nomen'Andriamanitra fananana sy harena ary fahaizana mba handray ny anjarany ka hifaly amin'ny asany—fanomezana avy amin'Andriamanitra izany. [20]Fa tsy mahatsiaro matetika ireo androm-piainany izy, satria ataon'Andriamanitra sasatra amin'ireo zavatra izay tiany atao.

6 [1]Misy ratsy izay efa hitako teo ambany masoandro, ary mafy ho an'ny olona izany. [2]Mety hanome fananana, harena, ary voninahitra amin'ny olona iray Andriamanitra mba tsy ho ory na inona na inona amin'izay iriany ho an'ny tenany izy, saingy Andriamanitra tsy hanome fahefana azy mba hankafizana izany. Fa kosa, misy olon-kafa mampiasa ireo zavany. Zava-poana izany, fampahoriana ratsy.
[3]Raha misy lehilahy manana zanaka an-jatony sy miaina taona maro, mba ho maro ny andron'ireo taonany, fa raha tsy afa-po amin'ny tsara ny fony ary tsy alevina am-boninahitra izy, dia hoy aho hoe ny zaza maty teo am-pahaterahana dia tsara kokoa noho izy. [4]Na dia teraka amin'ny zava-poana aza ny zaza tahaka izany ary maty ao amin'ny haizina, ary mitoetra ho fanafina ny anarany.
[5]Na dia tsy mahita ny masoandro aza io zaza io na tsy mahafantatra na inona na inona, dia manana fitsaharana mihoatra noho izany lehilahy izany izy. [6]Na dia tokony hiaina roa arivo taona aza ny olona nefa tsy mianatra mankafy ireo zavatra tsara, dia mandeha any amin'ny toerana mitovy toy ny olona hafa rehetra izy.
[7]Ny asan'ny olona rehetra dia amin'ny vavany, nefa tsy mbola afa-po amin'ny homany. [8]Eny tokoa, inona no tombon-tsoa ananan'ny olon-kendry amin'ny adala? Inona no tombon-tsoa ananan'ny mahantra na dia mahafantatra ny fomba fihetsika manoloana ny olona hafa aza izy?
[9]Tsara kokoa ny afa-po amin'izay hitan'ny maso noho ny maniry izay tadiavin'ny homana mandehandeha, izay entona sy andrana hanoherana rivotra ihany koa. [10]Izay rehetra nisy dia efa nomena ny anarany, ary efa fantatra hoe toy ny inona ny olombelona. Noho izany dia lasa tsy misy dikany ny mifamaly amin'izay mpitsara maherin'ny rehetra. [11]Arakaraky ny habetsaky ny teny voalaza, no hitomboan'ny zava-poana, koa inona no tombon-tsoan'izany amin'ny olona? [12]Fa iza no mahafantatra izay tsara ho an'ny olona eo amin'ny fiainany mandalo, andro voaisa izay hiainany toy ny aloka? Iza no afaka milaza amin'ny olona ny amin'izay ho avy eny ambany masoandro rehefa avy mandalo izy?

7 [1]Ny laza tsara dia tsara kokoa noho ny ranomanitra lafo vidy, ary ny andro hahafatesana dia tsara kokoa noho ny andro hahaterahana. [2]Tsara kokoa ny mandeha any amin'ny trano fisaonana noho ny any amin'ny trano firavoravoana, satria ny fisaonana dia tonga amin'ny olona rehetra amin'ny faran'ny fiainana, ka tokony raisin'ny olona velona am-po izany.
[3]Ny alahelo dia tsara kokoa noho ny tsiky, fa aorian'ny endrika malahelo no hiavian'ny hafalian'ny fo. [4]Ny fon'ny hendry dia ao an-trano fisaonana, fa ny fon'ny adala kosa ao an-trano firavoravoana.
[5]Tsara kokoa ny mihaino ny teny mafin'ny hendry noho ny mihaino ny hiran'ireo adala. [6]Fa tahaka ny fikarepok'ireo tandroka mirehitra ambany vilany, dia toy izany koa ny fihomehin'ireo adala. Izany, ihany koa, dia zava-poana.
[7]Ny fangalana an-keriny dia azo antoka fa mahalasa adala ny hendry, ary ny kolikoly manimba ny fo.
[8]Tsara kokoa ny fiafaran'ny raharaha iray noho ny fiandohany; ary ny olona maharitra am-panahy dia tsara kokoa noho ny mirehareha am-panahy. [9]Aza mora tezitra ny fanahinao, satria ny hatezerena dia mitoetra ao am-pon'ireo adala.
[10]Aza miteny hoe: "Nahoana ireo andro fahiny no tsara kokoa noho ireto?" Fa izany dia tsy noho ny fahendrena raha manontany io fanontaniana io ianao.
[11]Ny fahendrena dia tsara noho ireo zavatra manan-danja izay nolovaintsika avy tamin'ireo razambetsika. Izany dia mitondra tombon-tsoa ho an'ireo izay mahita ny masoandro. [12]Fa ny fahendrena dia mitondra fiarovana toy ny vola izay afaka mitondra fiarovana, saingy ny tombon-tsoan'ny fahalalana dia ny hoe manome fiainana ho an'izay manana azy ny fahendrena.
[13]Saino ireo asan'Andriamanitra: Iza no afaka hanitsy ny zavatra rehetra nomelohany?
[14]Rehefa tsara ny andro, dia miainà amim-pifaliana amin'izany hatsarana izany, fa rehefa ratsy ny andro, dia saino ny momba ity: Andriamanitra dia efa namela azy roa hiaraka. Noho izany antony izany, dia tsy misy mahita ny zavatra rehetra izay mitranga aoriany.
[15]Efa nahita zavatra maro aho nandritr'ireo andro keliko. Misy ireo olo-marina izay levona na dia eo aza ny fahamarinan'izy ireo, ary misy ireo olona ratsy fanahy izay ela velona na dia eo aza ny haratsian'izy ireo. [16]Aza manamarin-tena, hendry eo imasonao. Nahoana no tokony hanimba ny tenanao ianao?
[17]Aza dia ratsy fanahy na miadaladala loatra. Nahoana ianao no tokony ho faty mialohan'ny fotoanao? [18]Tsara raha mihazona io fahendrena io ianao, ary tsy tokony hamela ny fahamarinana handeha. Fa ny olona izay matahotra an'Andriamanitra dia hahita ireo adidiny rehetra. [1]
[19]Mahery ny fahendrena ao amin'ny olo-kendry, mihoatra noho ny mpanapaka folo ao amin'ny tanàna iray. [20]Tsy misy olo-marina manao soa sy tsy mbola nanota izany mihitsy eto an-tany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Aza mihaino ny teny rehetra izay voalaza, satria mety handre ny mpanomponao hanozona anao ianao. [22]Toy izany koa, ianao dia mahafantatra fa efa nanozona matetika ny hafa tao am-ponao manokana ianao.
[23]Ireo rehetra ireo dia efa voaporofoko tamin'ny fahendrena. Hoy aho hoe: "Ho hendry aho," saingy nihoatra ny tokony ho izy izany. [24]Ny fahendrena dia lavitra sy lalina. Iza no afaka hahita izany? [25]Nanova ny foko mba hianatra sy handinika ary hitady ny fahendrena sy ireo fanazavana ny zava-misy aho, ary hahatakatra fa adala ny ratsy ary ny hadalana dia fahaverezan-tsaina.
[26]Hitako fa mangidy kokoa noho ny fahafatesana ny vehivavy izay feno fandrika sy harato ny fony, ary misy rojo vy ny tanany. Na iza na iza mankasitraka an'Andriamanitra dia ho afaka aminy, fa ireo mpanota kosa ho lasany.
[27]"Saino izay efa hitako," hoy ny Mpitoriteny. "Nanampy vokam-pikarohana iray tamin'ny hafa aho mba hahita fanazavana ny zava-misy. [28]Izany no mbola karohiko, saingy tsy hitako izany. Tsy nahita olo-marina iray teo amin'ny arivo aho, ary tsy nahita vehivavy iray teo amin'ireo rehetra ireo aho.
[29]Ity ihany no efa hitako: fa Andriamanitra dia namorona ny olombelona ho mahitsy, saingy nandeha nitady fahasahiranana maro izy ireo."

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe "hahita ireo adidiny rehetra", misy amin'ireo dika-teny taty aoriana sasany manana fandikana hafa an'ity andalan-tsoratra sarotra ity.

---

8 [1]Iza no olon-kendry? Iza no mahalala ny dikan'ireo zava-miseho eo amin'ny fiainana? Ny fahendrena eo amin'ny olona dia mahatonga ny tavany ho miramirana, ary miova ny hamafin'ny tavany.
[2]Manoro hevitra anao aho mba hankatò ny didin'ny mpanjaka nohon'ny fianianan'Andriamanitra hiaro azy. [3]Aza malaina amin'ny fanatrehana azy, ary aza mifikitra amin'ny fanaovan-dratsy, satria ny mpanjaka manao izay rehetra iriany.
[4]Manjaka ny tenin'ny mpanjaka, ka iza no hiteny aminy hoe: "Inona ity ataonao?"
[5]Na iza na iza mitandrina ireo didin'ny mpanjaka dia misoroka hatezerana. Ny fon'olon-kendry dia manaiky ny lalana iombonana sy ny fotoanan'ny fihetsehana. [6]Misy valiny marina sy fotoana hamaliana ny zavatra rehetra, satria lehibe ireo olan'ny olona. [7]Tsy misy mahalala izay ho avy manaraka. Iza no afaka hilaza aminy izay ho avy?
[8]Tsy misy mpanapaka amin'ny fofon'ainy ka hampijanona ny fofon'aina, [1]ary tsy misy manan-kery amin'ny andron'ny fahafatesany. Tsy misy afaka amin'ny tafika mandritry ny ady, ary ny faharatsiana dia tsy hamonjy ireo izay andevon'izany. [9]Nahafantatra izany rehetra izany aho; nampihatra ny foko tamin'ny asa tsara rehetra izay natao tety ambany masoandro aho. Misy ny fotoana izay ampahorian'ny olona ny hafa amin'ny ratran'izany olona izany. [2]
[10]Ka hitako ny ratsy fanahy nalevina am-pahibemaso. Nalaina tamin'ny faritra masina izy ireo ka nalevina ary noderain'ireo mponina tao amin'ny tanàna izay nanaovan'izy ireo ny asa ratsiny. Izany koa dia tsy misy dikany. [3] [11]Raha tsy tanteraka faingana ny didim-pitsarana hanohitra ny heloka bevava ratsy, dia mitaona ireo fon'olombelona hanao ratsy izany.
[12]Na dia manao ratsy in-jato aza ny mpanota ary mbola velona mandritry ny fotoana maharitra, dia fantatro fa tsara ho an'ireo izay manaja an'Andriamanitra, izay manome voninahitra ny fanatrehany miaraka amin'izy ireo izany. [13]Fa tsy ho tsara ho an'ny olona ratsy fanahy izany; tsy haharitra ny fiainany. Ireo androny dia toy ny aloka mihelina satria tsy manome voninahitra an'Andriamanitra izy.
[14]Mbola misy zava-poana hafa—zavatra hafa vita tety ambonin'ny tany. Ireo zavatra mitranga amin'ny olo-marina dia tahaka ny fitrangan'ireo amin'ny olona ratsy fanahy, ary tahaka ny itrangan'ireo zavatra amin'ny ratsy fanahy no itrangan'izany amin'ny olo-marina. Hoy aho hoe zava-poana ihany koa izany. [15]Koa mitaky ny hafaliana aho, satria tsy misy zavatra tsara azon'ny olona eny ambany masoandro noho ny mihinana sy misotro ary mifaly. Dia ny hafaliana no hanaraka azy any amin'ny asany amin'ny androm-piainany rehetra izay nomen'Andriamanitra azy ambany masoandro.
[16]Raha nanefy ny foko hahalala ny fahendrena aho sy hahafantatra ny asa izay atao eto ambonin'ny tany, dia vita tsy amin-torimaso amin'ny alina na amin'ny atoandro matetika ny asa, [17]dia nandinika ireo asan'Andriamanitra rehetra aho, ary ny olona dia tsy afaka ny hahatakatra ny asa izay vita teto ambanin'ny masoandro. Na ahoana na ahoana ny hamaroan'ny asan'ny olona mba hahita ireo valiny, dia tsy hahita izany izy ireo. Na izany aza ny olon-kendry dia mety hino fa mahalala izy, nefa tsy dia tena mahalala akory.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany manao hoe: Tsy misy mpanapaka amin'ny rivotra ka hampijanona rivotra.
[2]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taty aoriana manao hoe: "Ho an'ny ratrany ihany". Ny andalan-teny Hebreo dia azo adika amin'ireo roa ireo.
[3]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taty aoriana dia manana fandikana hafa koa amin'io andininy sarotra io: "Nahita ny olona ratsy fanahy tonga sy lasa ho eo amin'ny fitoerana masina aho. Niteny tamim-pireharehana teo amin'ny tanàna momba ireo zavatra efa nataony izy ireo, izany ihany koa dia tsy misy dikany." Ireo dikan-teny hafa manao hoe: "Nahita ireo olona ratsy fanahy tonga sy lasa ho eo amin'ny toerana masina aho. Noderaina teo an-tanàna izy ireo tamin'ireo zavatra vitany. Izany ihany koa dia tsy misy dikany.

---

9 [1]Fa nieritreritra ny momba izany rehetra izany tato an-tsaiko aho mba hahatakarako momban'ny olo-marina sy ny olon-kendry ary ireo asan'izy ireo. Eo am-pelatanan'Andriamanitra avokoa izy rehetra. Tsy misy na iza na iza mahalala na ho fitiavana na ho fankahalana no ho avy amin'ny olona iray.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[2]Mitovy ny lahatry ny tsirairay. Mitovy ny lahatra miandry ny olo-marina sy ny olona ratsy fanahy, ny tsara, [1]ny madio sy ny maloto, ary izay manao sorona sy izay tsy manao sorona. Ho faty ny olo-marina, dia ho tahaka izany ihany koa ny mpanota. Ho faty izay mianiana, dia ho tahaka izany ihany koa ny olona izay matahotra manao fianianana.
[3]Misy lahatra ratsy ho an'ny zavatra rehetra izay atao eto ambany masoandro, lahatra iray ho an'ny tsirairay. Feno ratsy ny fon'olombelona, ary ao am-pon'izy ireo ny fahadalana raha mbola velona koa izy ireo. Koa aorian'izany dia mankany amin'ny maty izy ireo.
[4]Fa na iza na iza miombona amin'ny velona rehetra, dia misy fanantenana, tahaka ny mahatsara kokoa ny amboa velona noho ny liona maty. [2][5]Fa ny olombelona dia mahafantatra fa ho faty izy ireo, fa ny maty tsy mahafantatra na inona na inona. Tsy manana valisoa intsony izy ireo, satria efa adino ny fahatsiarovana azy ireo.
[6]Ny fitiavana, ny fankahalana, ary ny fanirian'izy ireo dia efa nanjavona hatry ny ela. Tsy hanana toerana amin'ny zavatra rehetra izay atao ety ambany masoandro intsony izy ireo. [7]Mandehana amin'ny lalanao, hano am-pifaliana ny mofonao, ary sotroy amin'ny fo faly ny divainao, satria Andriamanitra dia manaiky ny fankalazana ireo asa tsara. [8]Aoka ho fotsy mandrakariva ny akanjonao ary aoka ho voahosotra amin'ny diloilo ny lohanao.
[9]Miainà am-pifaliana miaraka amin'ny vady tianao amin'ny androm-piainanao rehetra mandalo foana, dia ireo andro izay nomen'Andriamanitra anao teny ambany masoandro mandritr'ireo andronao mandalo foana. Izany no valisoanao amin'ny fiainana noho ireo asanao teny ambany masoandro. [10]Na inona na inona hitan'ny tananao atao, dia hiasao amin'ny herinao izany satria tsy misy asa na fanazavana na fahalalana na fahendrena any amin'ny Fiainan-tsy hita, izay handehananao.
[11]Efa nahita zavatra sasantsasany mahaliana teo ambany masoandro aho: Ny hazakazaka dia tsy an'ny olona haingam-pandeha. Ny ady dia tsy an'ny olona matanjaka. Ny mofo dia tsy an'ny olon-kendry. Ny harena dia tsy an'ny olon'ny fahazavan-tsaina. Ny sitraka dia tsy an'ny olon'ny fahalalana. Fa kosa, ny fotoana sy ny vintana dia miantraika amin'izy rehetra. [12]Fa tsy misy na iza na iza mahafantatra ny fotoana hahafatesany, tahaka ny hazan-drano izay tratra ao amin'ny haraton'ny fahafatesana, na tahaka ny vorona izay azon'ny fandrika. Tahaka ireo biby, ny olombelona dia gadra ao amin'ny fotoan-dratsy izay tonga tampoka amin'izy ireo.
[13]Efa nahita fahendrena teo ambany masoandro ihany koa aho toy ny hoe lehibe tamiko izany. [14]Nisy tanàna kely iray izay vitsy olona tao aminy, ary nisy mpanjaka lehibe tonga nanao fahirano izany ary nanorina toerana fiakarana lehibe teo anilan'izany. [15]Ary nisy mahantra iray, lehilahy hendry hita tao amin'ilay tanàna, izay nanavotra ilay tanàna tamin'ny fahendreny. Nefa taty aoriana kely, dia tsy nisy nahatadidy io lehilahy mahantra io intsony.
[16]Ka feheziko amin'ny hoe: "Tsara kokoa ny fahendrena noho ny tanjaka, kanefa natao tsinontsinona ny fahendren'ilay olo-mahantra, ary tsy re ireo teniny."
[17]Ny teny malefaky ny hendry dia re tsara kokoa noho ny fitreron'izay mpanapaka eo amin'ny adala. [18]Ny fahendrena dia tsara kokoa noho ireo fitaovam-piadiana amin'ny ady, kanefa ny mpanota iray dia mety handrava tsara maro.

---

[1]Fanamarihana: ireo dikan-teny sasany amin'izao fotoana izao dia mandika ny dikan-teny taloha izay manao hoe "ny tsara sy ny ratsy." Feno tanteraka ny fehezanteny, amin'izany. Ireo mpandika teny dia mety hanapa-kevitra ny haka tahaka ireo.
[2]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taty aoriana dia manao hoe: "Fa inona no tsara? Ho an'ny velona rehetra, dia izao no azo antoka: ny amboa velona dia tsara kokoa noho ny liona maty".

---

10 [1]Toy ireo fatin-dalitra izay mahamaimbo ny zava-manitra, dia toy izany koa no ahafahan'ny fahadalana kely mandresy ny fahendrena sy ny fankatoavana. [2]Ny fon'ny olon-kendry dia mirona miankavanana, fa ny fon'ny adala mirona miankavia. [3]Rehefa mandeha midina eny an-dalana ny adala, dia tsy ampy saina izy, manamarina amin'ny olona rehetra fa adala izy.
[4]Raha miakatra manohitra anao ny fihetseham-pon'ny mpanapaka, aza mandao ny asanao. Ny fitoniana dia afaka mampangina fahatezerana lehibe.
[5]Fa misy ny ratsy izay hitako teo ambany masoandro, karazana hadisoana avy amin'ny mpanapaka: [6]Ireo adala dia nomena toeram-pitarihana, raha ireo olona mahomby nomena toerana ambany. [7]Nahita andevo nitaingin-tsovaly aho, ary ireo olona mahomby nandeha an-tongotra teny amin'ny tany tahaka ny andevo.
[8]Izay rehetra mihady lavaka dia mety hianjera ao amin'izany, ary na oviana na oviana misy olona mandrodana manda dia mety ho kaikerin'ny bibilava izy. [9]Izay rehetra manapaka vato dia mety ho voaratran'izany, ary ny olona izay manapaka hazo dia tandindonin'izany izy.
[10]Raha dombo ny lelan'ny vy, ary ny olona tsy mandranitra izany, dia tsy maintsy mampiasa ny heriny bebe kokoa izy, fa ny fahendrena dia manome tombony ho amin'ny fahombiazana. [11]Raha manaikitra mialohan'ny nanasina ody ny bibilava, dia tsy misy tombony ho an'ny mpanao ody.
[12]Ireo tenin'ny vavan'ny olon-kendry dia hatsaram-panahy, fa ny molotry ny adala dia mitelina azy ihany.
[13]Tahaka ny teny manomboka mikoriana avy eo am-bavan'ny adala, no hivoahan'ny fahadalana, ary amin'ny farany ny vavany dia hikoriana fahaverezan-tsaina ratsy. [14]Ny adala mampitombo teny, fa tsy misy mahafantatra izay ho avy. Iza no mahalala izay tamy avy ao aoriany?
[15]Ny fisasaran'ny adala dia manavesatra azy ireo, ka tsy fantany akory na dia ny lalana makany an-tanan-dehibe aza.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Loza ho anao, ry tany, raha tovolahy no mpanjakanao, ary raha manomboka manao firavoravoana amin'ny maraina ireo mpitarika anao! [17]Fa sambatra ianao, ry tany, raha ny zanaka lahin'ireo mendri-kaja no mpanjakanao, ary mihinana amin'ny fotoany ireo mpitarika anao, ho tanjaka, fa tsy ho amin'ny hamamoana!
[18]Fa nohon'ny hakamoana no mampilatsaka ny tafo, ary nohon'ny fahalainan'ny tanana no mampitete ny trano.
[19]Manomana sakafo ho amin'ny fihomehezana ny olona, ny divay mitondra fankafizana fiainana, ary ny vola mameno ny filan-javatra rehetra.
[20]Aza manozona ny mpanjaka, na dia ao an-tsainao aza, ary aza manozona ny olona manan-karena ao amin'ny efitra fandrianao. Fa ny voron'ny lanitra mety hitondra ireo teninao; izay rehetra manan'elatra dia afaka manaparitaka ny raharaha.

11 [1]Alefaso eny ambonin'ny rano ny mofonao, fa ho hitanao indray izany afaka andro maromaro. [2]Zarao amin'ny olona fito izany, na dia olona valo aza, fa tsy fantatrareo izay hahatongavan'ireo loza amin'ny tany. [3]Raha feno ranon'orana ireo rahona, dia manafoana izany eny amin'ny tany ireny, ary raha mianjera mankany atsimo ny hazo iray na mankany avaratra, na aiza na aiza hianjeran'izany, dia eo no hitoeran'izany.
[4]Mety tsy hamboly ny olona izay mijery ny rivotra, ary mety tsy hijinja ny olona izay mijery ireo rahona. [5]Toa anao izay tsy mahalala akory ny lalan'ny rivotra, na ny nitomboan'ny taolan'ny zaza tao an-kibon'ny bevohoka, [1]toy izany koa ianao tsy afaka mahatakatra ny asan'Andriamanitra, izay namorona ny zava-drehetra.
[6]Amboleo amin'ny maraina ireo voanao; hatramin'ny hariva, miasà amin'ireo tananao araka izay ilaina, fa tsy fantatrao izay mety hanambina, na maraina na hariva, na ity na iry, na samy ho tsara avokoa ny roa tonta. [7]Mamy tokoa ny mazava, ary zavatra mahafinaritra ny maso ny mahita ny masoandro. [8]Raha misy olona miaina an-taonany maro, aoka izy ho faly amin'ireny rehetra ireny, nefa aoka izy hisaina ny momban'ireo andron'ny aizina ho avy, fa ho maro ireny. Ny zava-drehetra hitranga dia entona manjavona.
[9]Mifalia, ry zatovo, amin'ny fahatanoranao, ary aoka ny fonao ho faly amin'ny andron'ny fahatanoranao. Manaraha ny faniriana tsaran'ny fonao, sy izay rehetra eo amin'ny hitan'ny masonao. Kanefa, fantaro fa Andriamanitra hitondra anao eo amin'ny fitsarana ny amin'ireo zavatra rehetra ireo. [10]Alaviro amin'ny fonao ny hatezerana, ary aza miraharaha akory ny fanaintainana eo amin'ny vatanao, satria ny hatanorana sy ny heriny dia zava-poana.

---

[1]Fanamarihana: ireo dikan-teny sasany taty aoriana manao hoe: "Toa anao tsy mahalala akory ny lalan'ny fanahy mankany amin'ny taolan'ny zaza ao an-kibon'ny bevohoka"

---

12 [1]Tsarovy ihany koa ny Mpahary anao amin'ny andron'ny fahatanoranao, mialohan'ny hiavian'ny andro sarotra, ary mialohan'ny hiavian'ny taona izay hitenenanao hoe: "tsy manana fankasitrahana ho azy ireo aho,"[2]ataovy izany dieny mbola tsy hody aizina ny hazavan'ny masoandro sy ny volana ary ireo kintana, ary dieny mbola tsy miverina ny raho-mainty aorian'ny orana.
[3]Amin'izany fotoana izany dia mangovitra ny mpiambina ny lapa, sy manjoko ny lehilahy mahery, ary mitsahatra ny vehivavy izay mitoto satria vitsy izy ireo, ary ireo izay mitazana eo am-baravaran-kely dia tsy mahita tsara intsony.
[4]Amin'izany fotoana izany dia mirindrina ny varavaram-be eny amin'ny lalana, ary mijanona ny feon'ny fikosoham-bary, ho taitran'ny feom-borona ny lehilahy, ary malazo ny fihiran'ny feon'ny tovovavy.
[5]Amin'izany fotoana izany dia manomboka matahotra ny hahavo sy ireo loza eny an-dalana ny lehilahy, ary mamelana ny hazo amygdala, sy miaraka mifampitarika ireo valala, ary tsy mandaitra ireo faniriana voajanahary. Mandeha any amin'ny tranony mandrakizay ny lehilahy ary midina an-dalambe ireo mpisaona.
[6]Tsarovy ny Mpahary anao mialohan'ny hahatapahan'ny kofehy volafotsy, na hahavaky ny lovia volamena, na hahatorotoro ny siny amin'ny lohataona, na hahatapaka ny kodian-drano eo amin'ny lava-drano, [7]dieny mbola tsy miverina amin'ny tany izay nihaviany ny vovoka, ary ny fanahy miverina amin'Andiamanitra izay nanome izany.
[8]"Ny enton-javona," hoy ny Mpitoriteny: "zava-poana dia zava-poana ny zavatra rehetra." [9]Ny Mpitoriteny dia hendry ary nampianatra fahalalana ny olona izy. Nianatra sy nandinika ary nandrindra ohabolana maro izy.
[10]Ny Mpitoriteny dia nitady ny hanoratra fampiasana mazava tsara, teny mahitsin'ny fahamarinana. [11]Ireo tenin'ny olon-kendry dia tahaka ny tsindrona. Tahaka ireo fantsika tsara lentika ireo tenin'ireo tompo ao amin'ny fanangonan' ohabolan'izy ireo, izay nampianarin'ny mpiandry ondry iray.
[12]Anaka, mahafantara zavatra bebe kokoa: ny fanamboarana boky maro, izay tsy misy fiafarany ary ny fianarana be dia mitondra fahareraha ho an'ny vatana.
[13]Efa re ny fiafaran'ny raharaha aorian'ny zava-drehetra, dia tsy maintsy matahotra an'Andriamanitra ianao ary mitandrina ireo didiny, fa izany no andraikitra manontolon'ny olombelona. [14]Fa Andriamanitra hitondra ny asa rehetra ho amin'ny fitsarana, hatramin'ny zava-miafina rehetra, na tsara izany na ratsy.

Tononkiran'i solomona

1 [1]Ny tonon-kiran'ireo Tononkira, izay an'i Solomona. Ilay zatovovavy miresaka amin'ilay tiany, [2]aoka mba hanoroka ahy amin'ny fanorohan'ny vavanao ianao, satria tsara kokoa noho ny divay ny fitiavanao. [3]Ny menaka fanosoranao dia

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

manim-pofona; ny anaranao dia toy ny ranomanitra voaidina, ka tian'ireo zatovovavy ianao. [4]Ento miaraka aminao aho, ary hihazakazaka isika. Ilay tovovavy miresaka amin'ny tenany fa nentin'ny mpanjaka tao an'efitranony aho. Ilay tovovavy miresaka amin'ny tenany hoe faly aho; mifaly ny mombanao aho; aoka aho hankalaza ny fitiavanao; tsara kokoa noho ny divay izany. Voajanahary amin'ireo vehivavy hafa ny mitia anao. Ilay vehivavy miresaka amin'ireo vehivavy hafa.
[5]Mivalomainty aho fa maha-te ho tia, ianareo ry zanaka vavin'ireo lehilahin'i Jerosalema— mivalomainty tahaka ny lain'i Kedara, maha-te ho tia tahaka ireo lamban'i Solomona. [6]Aza mibanjina ahy fa mivalomainty aho, satria azon'ny masoandro. Tezitra tamiko ireo zanaka lahin'ny reniko; nataon'izy ireo mpiambina ny tanim-boaloboka aho, nefa ny tanim-boaloboko tsy mba nandrasako. Ilay vehivavy miresaka amin'ilay tiany.
[7]Lazao ahy, ry ilay tiako, aiza no hanomezanao sakafo ho an'ireo ondry aman'osinao? Aiza no hampandrianao ireo ondry aman'osinao rehefa mitataovovonana? Nahoana aho no tokony ho tahaka ny olona izay mirenireny anilan'ny ondry aman'osin'ny namanao? Mamaly azy ilay tiany.
[8]Raha tsy fantatrao, ry tsara tarehy indrindra amin'ireo vehivavy, dia araho ny lalan'ny ondry aman'osiko, ary fahano eo akaikin'ireo lain'ireo mpiandry ondry ny zanak'osinao.
[9]Ampitahaiko amin'ny soavaly vavy eo amin'ireo soavaly mpitarika ny kalesin'i Farao ianao, ry tiako. [10]Mahatsara ny tarehinao ireo firavaka, ny vozonao amin'ireo firavaka voatohy. [11]Hanaovako firavaka volamena misy kitrony volafotsy ianao. Ilay vehivavy miresaka amin'ny tenany.
[12]Raha mbola nandry teo am-pandriany ny mpanjaka, dia namerovero ny nardako. [13]Amiko ny malalako dia toy ny miora am-pehezana izay mandany ny alina eo an-tratrako. [14]Amiko ny malalako dia toy ny vonin'ny kofera eo an-tanim-boalobok'i En-jedy. Ilay tiany miresaka aminy.
[15]Indro, tsara tarehy ianao, ry tiako; indro, tsara tarehy ianao; tahaka ny voromailala ny masonao. Ilay vehivavy miresaka amin'ilay tiany.
[16]Indro, tsara tarehy ianao, ry malalako, tena tsara tarehy. Ny zava-maniry maitso mavana dia atao fandriantsika. [17]Ny andrin'ny tranontsika dia sampan-kazo sedera, ary sampan-kesika sakamandimbin'ny tranontsika.

2 [1]Izaho dia voninkazo eny amin'ny lemaka fotsiny ihany, lilia eny amin'ny lohasaha fotsiny ihany. Ilay lehilahy dia miresaka aminy [2]Tahaka ny lilia eo amin'ireo tsilo, dia toy izany ianao, ry tiako, eo amin'ireo zanaka vavin'ireo olon'ny tanànako. Ilay vehivavy dia miresaka amin'ny tenany
[3]Tahaka ny hazo paiso izay eo amin'ireo hazon'ny ala, dia toy izany koa ny olon-tiako eo amin'ireo zatovolahy. Mipetraka eo ambanin'ny alokany amin'ny hafaliam-be aho, ary ny voany dia mamy ao am-bavako. [4]Mitondra ahy any amin'ny trano amin'ny fanasam-be izy, ary ny fanevany amiko dia fitiavana. Ilay vehivavy dia miresaka amin'ilay tiany.
[5]Velomy amin'ny mofomamy misy voaloboka aho ary velombelomy amin'ny paiso, fa mararim-pitia. Ilay vehivavy dia miresaka amin'ny tenany [6]Ny tanany havia dia eo ambanin'ny lohako, ary ny tanany havanana dia mamihina ahy. Ilay vehivavy dia miresaka amin'ny vehivavy hafa
[7]Tiako mba hampanantena ianareo, ry zanaka vavin'i Jerosalema, amin'ny alalan'ny gazela sy ireo serfa vavy any an-tsaha, fa ianareo dia tsy hanapaka ny firaisana ara-nofonay raha tsy tapitra izany. Ilay vehivavy dia miresaka amin'ny tenany
[8]Injany ny feon'ilay tiako! Endrey, iny tamy iny izy, mandingandingana ireo tendrombohitra, mitsambikina amin'ireo havoana. [9]Ilay malalako dia tahaka ny gazela na diera mbola tanora; indro, izy dia mitsangana ao ambadiky ny rindrinay, mitazana eo amin'ny varavaran-kely, mipoitra eo amin'ny makarakara.
[10]Miresaka amiko ilay malalako manao hoe: "Mitsangàna, ry ilay tiako; Ry ilay tsara tarehiko, andao hiaraka amiko.
[11]Indro, efa lasa ny ririnina; efa nitsahatra ny orana ary efa lasa.
[12]Efa mitsiry amin'ny tany ireo voninkazo; efa tonga ny fotoana fandrantsanana sy ny siokan'ireo vorona, ary ny feon'ireo voromailala dia re ety amin'ny tanintsika. [13]Mahamasaka ny aviavy maitsony ireo hazon'aviavy, ary mamony ireo voaloboka; mamoaka ny hanitrany izy ireo. Mitsangàna, ry tiako, ry ilay tsara tarehiko, ary andao.
[14]Ry voromailalako, eo an-tsefatsefaky ny vatolampy, eo an-tsefatsefaka miafin'ireo tendrombohitra harambato, dia avelao hahita ny endrikao aho. Avelao handre ny feonao aho, fa malefaka ny feonao, ary maha-te ho tia ny endrikao." Ilay vehivavy dia miresaka amin'ny tenany
[15]Sambory ho antsika ny amboahaolo, dia ireo amboahaolo mbola kely izay mamotika ireo tanim-boalobotsika, satria mamony ireo voalobotsika.
[16]Ahy ny malalako, ary azy aho; mihinana eny amin'ireo lilia amin-kafaliana izy. Ilay vehivavy dia miresaka amin'ilay tiany [17]Mandehana, ry ilay malalako, alohan'ny rivotra malefaka mitsoka amin'ny mangiran-dratsy sy ireo aloka miserana. Mandehana, aoka ho tahaka ny gazela na diera mbola tanora eo amin'ireo tendrombohitra mikitoantoana ianao.

3 [1]Amin'ny alina eo am-pandriako dia naniry ilay iray izay tiako aho; nitady azy aho, nefa tsy hitako izy. [2]Hoy aho tamin'ny tenako hoe: "Hitsangana aho ary handeha any amin'ny tanàna, amin'ireo lalana sy ireo kianja; hitady ny malalako aho." Nitady azy aho, nefa tsy nahita azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Hitan'ireo mpiambina aho raha nihodidina ny tanàna izy ireo. Nanontany azy ireo aho hoe: "Hitanareo ve ny malalako?"
[4]Fotoana vitsy monja taorian'ny nandalovako teo amin'izy ireo no nahitako ilay iray izay tian'ny fanahiko. Nihazona azy aho ary tsy namela azy handeha mandra-pitondrako azy tany an-tranon'ny reniko, ao amin'ny efitrano fatorian'ilay iray izay niteraka ahy. Ilay vehivavy miresaka amin'ireo vehivavy hafa.
[5]Tiako hianiana ianareo, ry zanaka vavin'ny lehilahin'i Jerosalema, amin'ireo gazela sy ireo vokatr'ireo saha, mba tsy ho tapahanareo ny fiaraha-mandrinay raha tsy vita izany. Ilay tovovavy miteny amin'ny tenany.
[6]Inona ireny miakatra avy amin'ny tany efitra toy ny andrin-tsetroka, manim-pofona miora sy ditin-kazo manitra, miaraka amin'ireo vovoka rehetra amidin'ireo mpivarotra ireny? [7]Indro, fandrian'i Solomona izany; mpiady enimpolo no manodidina izany; dia ireo miaramila enimpolon'Israely.
[8]Manan-traikefa amin'ny sabatra izy ireo ary mahay miady. Manana ny sabany eo am-balahany avy ny olona rehetra, mitam-piadiana hanohitra ny fampihorohoron'ny alina. [9]Nanao seza filanjana vita tamin'ny hazo avy any Libanona ho azy i Solomona mpanjaka.
[10]Ny tsangatsangan'izany dia vita tamin'ny volafotsy; ny lamosiny dia vita tamin'ny volamena, ary ny fipetrahana tamin'ny fitafy volomparasy. Ny tao anatiny dia nohaingoin'ireo zanaka vavin'ireo lehilahin'i Jerosalema tam-pitiavana. Ilay zatovovavy miresaka amin'ireo vehivavin'i Jerosalema [11]Mivoaha, ry zanaka vavin'ireo lehilahin'i Ziona, ary mandiniha an'i Solomona mpanjaka, mitondra ny satro-boninahitra izay nampisatrohan'ny reniny azy tamin'ny andron'ny fanambadiany, tamin'io androm-pifalian'ny fiainany io.

4 [1]Endrey, tsara tarehy ianao, ry malalako; tsara tarehy ianao. Ny masonao dia voromailala ao ambadiky ny voalinao. Ny volonao dia tahaka ny andian'osy midina avy eny an-tendrombohitr'i Gileada.
[2]Ny nifinao dia tahaka ny ondrivavy vao naratana, miakatra avy any amin'ny toerana fandroana. Samy kambana avy ireo, ary tsy misy banga.
[3]Ny molotrao dia tahaka ny kofehy jaky; maha-te ho tia ny vavanao. Tahaka ny hasin'ampongabendanitra ny takolakao ao ambadiky ny voalinao.
[4]Ny vozonao dia tahaka ny tilikambon'i Davida voaorina eny amin'ny filaharam-bato, miaraka amin'ny ampinga arivo mihantona eo amin'izany, dia ny ampingan'ireo miaramila rehetra. [5]Ny nononao roa dia tahaka ny diera roa, gazela kambana, miraoka eny amin'ireo lilia.
[6]Ambara-pahatongan'ny vao mangiran-dratsy ka mandositra lavitra ny aloka, dia handeha ho any an-tendrombohitry ny miora sy any amin'ny havoan'ny ditin-kazo manim-pofona aho. [7]Tsara tarehy amin'ny lafiny rehetra ianao, ry malalako ary tsy misy kilema aminao.
[8]Miaraha amiko avy any Libanona, ry ilay ampakariko. Miaraha amiko avy any Libanona; tongava avy any an-tampon'i Amana, avy any an-tampon'i Senira sy Hermona, avy any an-davaky ny liona, avy any amin'ny tendrombohitra lavaky ny leoparada.
[9]Lasanao ny foko, ry havako, ry ilay ampakariko; lasanao ny foko, tamin'ny fijery iray monja taty amiko, tamin'ny firavaka iray monja teo amin'ny vozonao.
[10]Endrey ny hatsaran'ny fitiavanao, ry havako, ry ilay ampakariko! Endrey ny hatsaran'ny fitiavanao mihoatra ny divay, sy ny fameroveron'ny ranomanitrao mihoatra noho izay zava-manitra rehetra. [11]Ny molotrao, ry ilay ampakariko, dia mitete tantely; tantely sy ronono no ao ambanin'ny lelanao; ny fameroveron'ny akanjonao dia tahaka ny fameroveron'i Libanona.
[12]Ry havako, saha voahidy ilay ampakariko, eny saha voahidy, loharano voatombo-kase. [13]Ny sampanao dia ala kelin'ampongabendanitra misy voankazo voafantina, ary moina sy narda, [14]Narda sy safrona, veromanitra sy kanelina miaraka amin'ireo karazana hanitra rehetra, dia miora sy havozo mbamin'ireo zava-manitra tsara indrindra rehetra.
[15]Sahan-doharano ianao, fantsakan-drano madio, rian-drano mikoriana avy any Libanona. Ilay tovovavy miteny amin'ny malalany hoe: [16]Mifohaza, ry rivotra avy any avaratra; avia, ry rivotra avy any atsimo; tsofy ny sahako mba hampiely ny fameroveron'ny fofony manitra. Enga anie ka ho tonga ao amin'ny sahany ny malalako ka hihinana ny sasany amin'ny voankazo voafantiny.

5 [1]Tonga tao an-tsahako aho, ry havako, ry ilay ampakariko; efa nanangona ny miorako mbamin'ny zava-manitro aho. Efa nihinana ny tohon-tanteliko mbamin'ny tanteliko aho; efa nisotro ny divaiko mbamin'ny rononoko aho. Hoy ireo sakaiza miresaka amin'ireo malala Mihinàna; ry sakaiza, misotroa ary aoka ho mamon'ny fitiavana. Hoy ilay tovovavy miresaka amin'ny tenany.
[2]Natory aho, nefa ny foko dia nifoha tao anaty nofy. Injany ny feon'ny malalako mandondona ary manao hoe: "Vohay aho, ry havako, ry malalako, ry voromailalako, ry madioko, fa hotsaky ny ando ny lohako, feno andon'ny alina ny voloko."
[3]"Efa nanala ny akanjolavako aho; dia tsy maintsy hanao izany indray ve? Efa nosasako ny tongotro; dia tsy maintsy ho lotoiko ve?" [4]Nampiditra ny tanany teo amin'ny fisokafan'ny hidim-baravarana ny malalako, ary nientanentana ho azy ny foko.
[5]Niarina aho mba hamoha ny varavarana ho an'ny malalako; nitete miora ny tanako, nisy ranona miora ny rantsan-tanako, teo amin'ny famoaham-baravarana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Nanokatra ny varavarana ho an'ny malalako aho, nefa niodina ny malalako ka nandeha. Difotra ny foko; nanjary kivy aho. Nitady azy aho, nefa tsy hitako izy; niantso azy aho, nefa tsy namaly ahy izy.
[7]Ireo mpiambina izay nandeha tamin'ny tanàna nahita ahy; nokapohin'izy ireo aho ary noratrainy; ireo mpiambina teny amin'ny manda nanala ny fitafiako tamiko. Hoy ilay tovovavy niresaka tamin'ireo vehivavy tao an-tanàna
[8]Tiako hampanantena ianareo, ry zanaka vavin'i Jerosalema, fa raha hitanareo ny malalako, dia lazao azy fa marary nohon'ny fitiavako azy aho. Hoy ireo vehivavy tao an-tanàna niresaka tamin'ilay tovovavy
[9]Ahoana ny malalanao no tsara noho ny malala hafa, ianao izay tsara tarehy eo amin'ireo vehivavy? Nahoana ny malalanao no tsara noho ny malalan'ny hafa, no dia mangataka anay hanao fianianana tahaka izao ianao? Hoy ilay tovovavy niresaka tamin'ireo vehivavin'ny tanàna
[10]Ny malalako dia mamiratra sady mena, tsy manam-paharoa amin'ireo an'aliny. [11]Ny lohany dia volamena tsara indrindra; ny volony dia olioly sady mainty tahaka ny goaika.
[12]Ny masony dia tahaka ny voromailala akaikin'ny rian-drano, nosasana tamin'ny ronono, natohitohy toy ny firavaka.
[13]Ireo takolany dia tahaka ny fandrian-java-manitra, mamokatra hanitra mamerovero. Ny molony dia lilia, mitete miora.
[14]Ireo sandriny dia voahodidina volamena natao firavaka, ny kibony dia ivory voarakotra safira.
[15]Ireo tongony dia andry vita amin'ny marba, mifototra amin'ny volamena tsy mifangaro; ny endriny dia tahaka an'i Libanona, tsiririting tahaka ny sedera.
[16]Ny vavany dia mamy indrindra; maha-te ho tia fatratra izy. Izany ny malalako, ary izany ny sakaizako, ry zanaka vavin'i Jerosalema.

6 [1]Nankaiza ny malalanao, ry tsara tarehy indrindra amin'ny vehivavy? Nizotra nankaiza ny malalanao, mba hitadiavanay azy miaraka aminao? Miresaka amin'ny tenany ilay zatovovavy.
[2]Ny malalako dia efa nidina nankany amin'ny sahany, ho any amin'ny farafaran-java-manitra, mba hiraoka eny amin'ny saha sy hioty ireo lilia. [3]An'ny malalako aho, ary ahy ny malalako; hiraoka eo amin'ireo lilia am-pifaliana izy. Ilay tian'ilay vehivavy miresaka aminy.
[4]Tsara tarehy tahaka ny Tirza ianao, ry tiako, maha-te ho tia tahaka an'i Jerosalema, mampisy aingam-panahy tahaka ny tafika miaraka amin'ny fanevany.
[5]Avilio amiko ny masonao, fa manafotra ahy izy ireo. Ny volonao dia tahaka ny andian'osy midina avy eny amin'ireo hantsan'ny Tendrombohitr'i Gileada.
[6]Ny nifinao dia tahaka ny andiana ondrivavy miakatra avy any amin'ny toerana fisasana. Samy manana ny kambana aminy ny tsirairay, ary tsy nisy banga ireo. [7]Ireo takolakao dia tahaka ny hasin'ampongabendanitra ao ambadiky ny voalinao. Ilay tian'ilay vehivavy miresaka amin'ny tenany
[8]Misy mpanjakavavy enimpolo, vaditsindrano valopolo, ary zatovovavy tsy hita isa. [9]Ry voromailalako, ry madioko, ilay hany tokako; izy dia vavy tokan-dreniny; izy no tena tian'ilay vehivavy izay niteraka azy; ireo zanaka vavin'ny olon'ny tanànako raha nahita azy dia niantso azy hoe sambatra; ireo mpanjakavavy sy ireo vaditsindrano ihany koa dia nahita, ka nidera azy: Izao no nolazain'ny mpanjakavavy sy ny vaditsindrano
[10]"Iza moa io miseho toy ny mangiran-dratsy, tsara tarehy toy ny volana, mamirapiratra toy ny masoandro, mampisy aingam-panahy toy ny tafika miaraka amin'ny fanevany?" Ilay tian'ilay vehivavy miresaka amin'ny tenany
[11]Nidina teny amin'ireo ala kely misy hazom-bazana aho mba hijery ny tsiry vaovao eny an-dohasaha, mba hijery raha nitsimoka ireo voaloboka, ary raha efa namony ny ampongabendanitra. [12]Tena faly aho ka nahatsapa toy ny hoe nitaingina ny kalesin'ny andriandahy. Ny tian'ilay vehivavy miresaka aminy
[13]Miverena, miverena, ianao ry vehivavy tonga lafatra; miverena, miverena, mba hahafahako mandinika anao. Ilay zatovovavy miresaka amin'ilay tiany Nahoana ianao no mandinika ahy, ilay vehivavy tonga lafatra, tahaka ny hoe mandihy eo anelanelan'ny mpandihy roa an-dalana aho?

7 [1]Endrey ny hatsaran'ny tongotrao ao amin'ny kapanao, ry zanaka vavin'andriandahy! Tahaka ny firavaka ny amboam-penao, asa tanan'ny mpanao asa-tanana mahay.
[2]Ny foitranao dia tahaka ny tomaboha boribory; tsy ho ory divay voaaro anie izany. Ny kibonao dia tahaka ny vary tritika voatoby voahodidina lilia.
[3]Ireo nononao roa dia tahaka ny zanaka serfa roa, gazela kambana. [4]Ny vozonao dia tahaka ny tilikambo ivory; ny masonao dia tahaka ny kamory any Hesbona eo am-bavahadin'i Bata Rabima. Ny oronao dia tahaka ny tilikambo any Libanona izay mitodika mankany Damaskosy.
[5]Ny lohanao dia tahaka an'i Karmela; ny volon-dohanao dia volomparasy matroka. Babon'ny randran'izany ny mpanjaka.
[6]Endrey tsara tarehy sady maha-te ho tia ianao, ry ilay malala, mahafinaritra ianao!
[7]Ny tsangananao dia tahaka ny an'ny palma, ary ny nononao dia tahaka ny sampahom-boankazo. [8]Nieritreritra aho hoe: "Te hananika izany palma izany aho; hihazona mafy ireo rantsany." Aoka ireo nononao ho tahaka ireo sampahom-boaloboka, ary aoka ny fameroveron'ny oronao ho tahaka ny paiso.
[9]Aoka ny vavanao ho tahaka ny divay tsara indrindra, mikoriana moramora amin'ny malalako, misosa eo amin'ny molotra sy ny nifitsika. Ilay zatovovavy miteny amin'ny olon-tiany

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]An'ny malalako aho, ary maniry ahy izy. [11]Avia, ry malalako, andeha isika hiaraka ho any ambanivohitra; andeha isika hatory any amin'ireo vohitra.
[12]Andeha isika hifoha maraina ho any an-tanim-boaloboka; andeha hozahantsika raha mitsimoka ireo voaloboka, raha misokatra ireo voniny, ary raha mamony ireo ampongabendanitra. Any no hanomezako anao ny fitiavako.
[13]Mamerovero aoka izany ireo mandravasarotra; eo am-baravarana izay hitoerantsika ny karazam-boankazo voafantina rehetra, ny vao sy ny ela, izay efa notehiriziko ho anao, ry malalako.

8 [1]Iriko mba ho toy ny anadahiko, izay ninono tamin'ny nonon-dreniko ianao. Ary na aiza na aiza hahitako anao any ivelany, dia afaka manoroka anao aho, ary tsy hisy olona hanao tsinontsinona ahy.
[2]Ho tarihiko ary ho entiko any an-tranon'ny reniko ianao, ary dia hampianarinao aho. Homeko divay miharo zava-manitra ho sotroina sy ampahany amin'ny ranon'ny ampongabendanitro ianao. Niresaka tamin'ny tenany ilay tovovavy
[3]Ny tanany havia tao ambany lohako ary ny tanany havanana mamihina ahy. Niresaka tamin'ireo vehivavy hafa ilay vehivavy
[4]Tiako hianiana ianareo, ry zanaka vavin'ny olon'i Jerosalema, fa tsy hanapaka ny fiaraha-mandrinay ianareo mandra-pahatapiny. Ireo vehivavin'ny Jerosalema niresaka
[5]Iza ity tamy manatona miakatra avy any an'efitra, miankina amin'ny malalany ity? Niresaka tamin'ilay malalany ilay tovovavy namoha anao teo ambany hazo paiso aho; teo amin'ny nanorotoronin'ny reninao anao; teo amin'ny niterahany anao, namoahany anao.
[6]Ataovy toy ny tombo-kase ao am-ponao aho, toy ny tombo-kase eo an-tsandrinao, fa mahery toy ny fahafatesana ny fitiavana. Ny firehetan'ny fahasarotam-piaro dia tsy mamela mahazo toy ny Fiainan-tsy hita; mandoro ny lelafony; lelafo mididadeda izany, lelafo mahamay noho ny afo hafa rehetra.
[7]Ireo rano manonja tsy mahavono ny afon'ny fitiavana, na ireo tondra-drano tsy mahafoaka azy. Raha misy olona manome ny fananany rehetra ao an-tranony ho amidy fitiavana, dia atao tsinontsinona tokoa izany tolotra izany. Ireo anadahin'ilay tovovavy mifampiresaka
[8]Manana zandrivavy izahay, ary tsy mbola mitsiry nono izy. Inona no azonay atao ho an'ny anabavinay amin'ny andro izay hanolorana azy ho amin'ny fanambadiana?
[9]Raha manda izy, dia hananganana tilikambo vita amin'ny volafotsy teo aminy. Raha varavarana izy, dia hohaingonay amin'ny hazo sedera fisaka. Niresaka tamin'ny tenany ilay tovovavy
[10]Manda aho, fa ankehitriny ireo nonoko dia toy ireo tilikambo fiarovana mafy; koa tena efa matoy tokoa aho eo imasony. Niresaka tamin'ny tenany ilay tovovavy
[11]Nanana tanim-boaloboka tao Bala-hamona i Solomona. Nahofany tamin'ireo izay te hikarakara izany ilay tanim-boaloboka. Ny tsirairay dia tsy maintsy mitondra sekely volafotsy arivo ho solon'ny vokatra. [12]Ahy tokoa ny tanim-boaloboko; ny sekely arivo dia anao, ry Solomona malalako, ary ny sekely roanjato ho an'izay mikarakara izany mba hahazoana vokatra. Ilay malalan-dravehivavy niresaka taminy
[13]Ianao izay mipetraka eo an-jaridaina, ireo sakaizako dia nihaino ny feonao; avelao aho mba ho ilay iray izay handre izany koa. Niresaka tamin'ny malalany ilay tovovavy
[14]Faingàna, ry malalako, ary aoka ho toy ny gazela na ny diera tanora eny an-tendrombohitr'ireo zava-manitra ianao.

Isaia

1 [1]Ny fahitàn'i Isaia zanak'i Amosa, izay hitany nahakasika an'i Joda sy Jerosalema, tamin'ny andron'i Ozia, Jotama, Ahaza, ary i Hezekia, mpanjakan'i Joda.
[2]Mihainoa, ry lanitra, ary manongilàna sofina, ry tany; fa efa niteny Yaveh hoe: "Efa namahana sy nitaiza ny ankizy Aho, nefa nikomy Tamiko izy ireo.[3]Ny omby mahalala ny tompony, ary ny boriky mahafantatra ny tavy famahanan'ny tompony azy, kanefa tsy fantatry ny Israely, tsy takatry ny Israely.
[4]Loza! Ry firenena, mpanota, vahoaka mavesa-keloka, taranaka mpanao ratsy, zanaka lahy mpanao meloka! Efa nahafoy an'i Yaveh izy ireo, efa nanao tsinontsinona an'ilay Iray Masin'Israely izy ireo, efa nampihemotra ny tenan'izy ireo taminy izy ireo.
[5]Nahoana ianareo no mbola voakapoka? Nahoana ianareo no mikomy hatrany hatrany? Marary ny loha manontolo, torovana tanteraka ny fo.[6]Tsy misy faritra tsy maratra hatramin'ny faladia ka hatrany amin'ny loha; fery, sy mangana ary ratra vao ihany; mbola tsy voakatona, voadio, na nofehezina, na notsaboina tamin'ny diloilo akory ireny.
[7]Rava ny firenenareo; may ireo tanànanareo; ireo sahanareo_ eo amin'ny fanatrehanareo, no hamotehan'ny olona hafa firenena ireo_ foana sy rava, naringanan'ireo olona hafa firenena.[8]Ny zanaka vavin'i Ziona dia navela tahaka ny trano bongo eny an-tanim-boaloboka, tahaka ny fandriana eny amin'ny sahana kaokaombira, toy ny tanàna natao fahirano.
[9]Raha tsy namela sisa kely tamintsika i Yaveh Tompon'ny maro, efa tahaka an'i sodoma isika tahaka izay, efa nitovy tamin'i Gomora isika tahaka izay.
[10]Mandrenesa ny tenin'i Yaveh, ianareo ry mpanapak'i Sodoma; mihainoa ny talàn'Andriamanitsika, ianareo ry vahoakan'i Gomora hoe:[11]"Inona izay fahamaroan'ny soronareo ho Ahy?" hoy Yaveh. "Efa tofoky ny ondrilahy atao fanatitra dorana Aho, sy ny jaboran'ny biby mifahy; ka tsy sitrako ny ran'ny ombilahy, zanak'ondry, na osy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Rehefa tonga hiseho eto anatrehako ianareo, iza no nangataka izany taminareo, mba hanitsaka ny kianjako?[13]Aza
mitondra fanati-poana intsony; fahavetavetana ny ditin-kazo manitra amiko, ny volana vaovao sy ny Sabata fiangonana_
tsy afaka ny hilefitra amin'ireny fiangonan-dratsy ireny Aho.
[14]Halako ireo volana vaovaonareo sy ireo firavoravoana voatondronareo, enta-mavesatra ho Ahy ireny; ketraka amin'ny
fiharetana ireny Aho.[15]Koa dia rehefa mamelatra ny tananareo amin'ny vavaka ianareo, dia manafina ny masoko tsy ho
aminareo Aho; na dia manolotra vavaka maro aza ianareo, dia tsy hihaino Aho; feno rà ny tananareo.
[16]Sasao, diovy ny tenanareo; esory tsy ho eo imasoko ny faharatsin'ireo asanareo; mitshara amin'ny faharatsiana;
[17]mianara manao ny tsara; mitadiava ny rariny, ahitsio ny fampahoriana, [1]manomeza rariny ho an'ireo kamboty, arovy ny
mananon-tena.
[18]"Avia ary, andeha isika hiara-hifampidinika," hoy Yaveh; "Na dia tahaka ny jaky ary ny fahotànareo, dia ho fotsy tahaka
ny oram-panala ireny, na dia mena tahaka ny sily aza ireny, dia ho tahaka ny volon'ondry fotsy.
[19]Raha manaiky sy mankatò ianareo, dia hihinana ny soa avy amin'ny tany,[20]fa raha mandà sy mikomy ianareo, dia ho
levonin'ny sabatra," fa ny vavan'i Yaveh no miteny izany.
[21]Indrisy, tonga janga ilay tanàna mahatoky! Izy izay feno rariny_ izy izay feno fahamarinana, fa ankehitriny kosa izy feno
mpamono olona.[22]Niova ho tain-drendrika ny volafotsinareo, miharo rano ny divainareo.
[23]Ireo andrianareo dia mpikomy ary sakaizan'ny mpandroba; tia kolikoly avokoa ny rehetra ary fatra-pitady tombony. Tsy
miaro ny kamboty izy ireo, na ny fitarainana ara-dalàn'ny mananon-tena izay tonga eo anatrehan'izy ireo.
[24]Noho izany dia izao no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro, ilay Maherin'Israely hoe: "Loza ho azy ireo! Hanao valifaty
ho an'ireo mpifanandrina amiko Aho, ary hamalifaty ireo fahavaloko Aho;[25]hamerina ny tanako aminareo Aho, hanadio
ny tain-drendrikareo tahaka ny amin'ny karbonetra Aho, ary hanala ny tain-drendrika rehetra aminareo.
[26]Hamerina amin'ny laoniny ireo mpitsaranareo toy ny tamin'ny voalohany Aho, ary ireo mpanolo-tsainareo toy ny
tamin'ny vao niandoha; aorian'izany ianareo dia ho antsoina hoe tanànan'ny fahamarinana, tanàna mahatoky.
[27]Ho voavonjy amin'ny rariny i Ziona, ary ireo mpibebany amin'ny fahamarinana.[28]Hiaraka ho torotoro ny mpikomy sy ny
mpanota, ary ireo izay nahafoy an'i Yaveh dia ho vita ny aminy.
[29]"Fa ho afa-baraka ianareo amin'ireo hazo terebintana masina izay nirianareo fatratra, ary ho menatra ianareo amin'ireo
saha izay efa nofidianareo.[30]Fa ho tahaka ny hazo terebinta iray izay mihintsan-dravina ianareo, ary toy ny saha izay tsy
misy rano.
[31]Ny lehilahy mahery dia ho tahaka ny vohavoha, ary ny asany tahaka ny pitik'afo; hiara-may izy roa ireo, ary tsy misy
hamono ny afon'izy ireo.

---

[1]Fanamarihana: Raha toa ka "ahitsio ny fampahoriana" ireo dikan-teny sasany manao hoe "ampio ny nampahoriana".

---

2 [1]Ireo zavatra hitan'i Isaia zanak'i Amoza tao anaty, mahakasika an'i Joda sy Jerosalema.[2]Amin'ny andro farany no
hanorenana tendrombohitrin'ny tranon'i Yaveh ho tendrombohitra avo indrindra, ary hitsangana eo ambonin'ny
havona, ary ireo firenena rehetra hikoriana amin'izany.
[3]Olona maro no ho tonga sy hilaza hoe: "Avia, andrha isika hiakatra eny an-tendrombohitr'i Yaveh, any an-tranon'i
Andriamanitr'i Jakoba, mba hahafahany mampianatra ny sasany amin'ireo lalany amintsika, ary mba handehanntsika
amin'ny lalany." Fa ny lalàna dia hivoaka avy ao Ziona, ary ny tenin'i Yaveh avy any Jerosalema.
[4]Hitsara eo amin'ireo firenena Izy ary hanome fanapahan-kevitra ho an'ireo olona maro be; hanorotoro ny sabany izy
ireo ho lelan'angady, ary ny lefon'izy ireo ho fanetezam-boaloboka; ny firenena tsy hanandratra ny sabany hanohitra
firenena, na hiofana ho amin'ny ady.
[5]Ry ankohonan'i Jakoba, avia, ary aoka isika handeha amin'ny fahazavan'i Yaveh.[6]Fa efa nandao ny olonareo ianareo, ry
ankohonan'i Jakoba, satria fenon'ny fomban'ny antsinanana izy ireo sy mpamaky fambara toy ireo Filistina, ary
nifandray tanana tamin'ny zanaky ny vahiny izy ireo.
[7]Feno volafotsy sy volamena ny tanin'izy ireo, ary tsy misy fetrany ny hareny; feno soavaly ihany koa ny tanin'izy ireo,
ary tsy misy fetrany ny kalesiny.[8]Feno sampy ihany koa ny tanin'izy ireo; manompo ny asan'ny tanany ihany, zavatra izay
nataon'ny ratsan-tanany ihany izy ireo.
[9]Hiankohoka ny vahoaka, ary ny olona hianjera; noho izany aza manangana azy ireo.[10]Mandehana any amin'ny toerana
feno vato ary miafena amin'ny tany amin'ny horohoron'i Yaveh sy amin'ny voninahitry ny fiandrianany.[11]Ny
fiandrandran'ny mason'ny olona dia hahetry, ary ireo olona mireharehareha dia hahidina, ary Yaveh irery ihany no
hasandratra amin'izany andro izany.
[12]Fa hisy ny andron'i Yaveh tompon'ny maro hanohitra ny olona rehetra izay mirehareha sy misandratra, ary manohitra
ny olona rehetra izay miavonavona—ary hahetry izy—[13]ary manohitra ireo sederan'ny Libanona rehetra izay ambony sy
nasandratra, ary manohitra ireo hazo terebintan'i Basana rehetra.
[14]Fa hanohitra ireo tendrombohitra avo rehetra izany andron'i Yaveh tompon'ny maro izany, sy hanohitra ireo havoana
rehetra izay efa nasandratra,[15]ary manohitra ireo tilikambo avo, sy manohitra ireo manda tsy mety rava,[16]ary manohitra
ireo sambon'ny Tarsisy rehetra, sy manohitra ireo sambo tsara tarehy rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Ny fireharehan'ny olona dia hahetry, ary ny havonavon'ny olona dia ho hianjera; Yaveh irery ihany no hasandratra amin'izany andro izany.[18]Ho levona tanteraka ireo sampy rehetra.[19]Handeha anaty lava-bato ireo olona ary ao anaty lavakin'ny tany, noho ny horohoron'i Yaveh, sy noho ny voninahitrin'ny fiandrianany, rehefa mitsangana hampihorohoro ny tany Izy.
[20]Hanipy ireo sampy volafotsy sy volamena ny olona amin'izany andro izany izay nataon'izy ireo ho tompoina—hanipy ireo any amin'ny voalavo sy ramanavy izy ireo.[21]Handeha anaty lavaka eo amin'ny vato ny vahoaka ary an-tsefatsefakin'ny harambato, noho ny horohoron'i Yaveh sy noho ny voninahitrin'ny fiandrianana, rehefa mitsangana hampihorohoro ny tany Izy.[22]Atsaharo ny fahatokiana ny olona, izay eo amin'ny vavorony ny fofon'ainy, fa inona no hanampian'izany?

3 [1]Indro, Tompo Yaveh tompon'ny maro dia efa hanaisotra mpiandraikitra sy vatsy amin'i Jerosalema sy Joda: dia ny famatsia-mofo rehetra, sy ny famatsian-drano rehetra;[2]ny lehilahy mahery, ny mpiady, ny mpitsara, ny mpaminany, ny mpamaky fambara, ny loholona;[3]ny kapitenin'ny dimampolo, ny mponina manan-kaja, ny mpanolo-tsaina, ny mpanao asa-tanana za-draharaha, ary ny mpimasy kinga.
[4]"Zatovo fotsiny ihany no hapetrako ho mpitarika azy ireo, ary ireo tanora no hanapaka eo amin'izy ireo.[5]Hampahoriana ny vahoaka, ny tsirairay ampahorian'ny hafa, ary ny tsirairay ampahorian'ny namany; ny zaza no hanaraby ny zokiolona, ary hihantsy ireo mendri-kaja ireo nambaniana.
[6]Haka ny rahalahiny ao an-tranon-drainy mihitsy aza ny olona iray ka hiteny hoe: 'Manana akanjo ianao; meteza ho mpanapaka anay, ary aoka izao faharavana izao ho eo an-tananao.'[7]Amin'izany andro izany dia hitabataba izy ka hiteny hoe: 'Tsy ho mpanasitrana aho; tsy mana-mofo aho na fitafiana. Tsy hanao ahy ho mpanapaka ny vahoakanao ianao.'"
[8]Fa lavo Jerosalema, ary nianjera i Joda, satria manohitra an'i Yaveh ny fiteniny sy ny asany, mihantsy ny mason'ny voninahiny.[9]Ny fijerin'ny tavany dia vavolombelona miampanga azy ireo; ary ambaran'izy ireo tahaka an'i Sodoma ny fahotany; tsy mba hafeniny izany. Loza ho azy ireny! Fa nahatanteraka loza be ho azy ireo ihany izy.
[10]Lazao ny olo-marina fa tsy haninona, fa hihinana ny vokatry ny asany izy ireo.[11]Loza ho an'ny ratsy fanahy! Fa ho rasty ny hanjo azy, fa ny valin'ny asan'ny tanany no hatao aminy.[12]Ry oloko—ankizy no mpampahory azy ireo, ary vehivavy no manjaka eo aminy. Ry oloko, ireo izay mitarika anareo dia mamily lalana anareo ary mampisafotofoto ny lalan-kizoranareo.
[13]Mitsangana nohon'ny fiampangana Yaveh, mitsangana hiampanga ny olona Izy.[14]Ho avy amin'ny fitsarana hanohitra ireo loholon'ny olony sy ireo mpitariny Izy hoe: "Namotika ny tanim-boaloboka ianareo; ao an-tranonareo izay voaroba avy tamin'ny mahantra.[15]Nahoana ianareo no manorotoro ny oloko ary manosiosy ny tavan'ny mahantra?" Izany no fanambaran'i Tompo Yaveh tompon'ny maro.
[16]Izany no lazain'i Yaveh satria mirehareha ny zanaka vavin'i Ziona, mandeha amin'ny loha mianjonanjona, ary mangarika amin'ny masony, mijaikojaiko am-pandehanana raha mampikoritsandritsana amin'ny tongony,[17]noho izany dia hampisy aretina manakom-pery eo an-dohan'ny zanaka vavin'i Ziona ny Tompo, ary hataon'i Yaveh sola izy ireo.
[18]Amin'izany andro izany dia hanala ireo firavaky ny ranjo tsara tarehiny, ireo fehilohany, ireo fihaingona sari-volana,
[19]ireo kavina, ireo rojon-tanana, sy ireo voaly;[20]ireo saron-doha, ireo rojon-kitro, ireo fehin-kibo, sy ireo vata fasiana ranomanitra, ary ireo ravaka mitondra vintana ny Tompo.
[21]Ho esoriny ireo peratra sy ireo kavin'orona;[22]ireo akanjo lava fanaovana lanonana, ireo kapoty, ireo voaly, ireo poketra kely;[23]ireo fitaratra kely, ireo atin'akanjo rongony fotsy madinika, ireo haingon-doha, ary ireo fisaronana.
[24]Hamaimboana no ho solon'ny ranomanitra mamerovero; ary tady no ho solon'ny fehin-kibo; loha sola no ho solon'ny volo tsara-hogo; ary lamba fisaonana no ho solon'ny akanjo lava; ary fitomboka mahamay ho solon'ny fahatsarana.[25]Ho lavon-tsabatra ny lehilahinareo, ary ho lavo an'ady ireo lehilahy maherinareo.[26]Hitomany ny vavahadin'i Jerosalema ka hisaona; ary ho irery izy ary hitorombona amin'ny tany.

4 [1]Amin'izany andro izany hisy vehivavy fito hitazona lehilahy iray ka hiteny hoe: "Ny sakafonay ihany no hohaninay, ny fitafianay ihany no hotafianay. Fa aoka izahay haka ny anaranao hanesorana ny henatray."[2]Amin'izany andro izany ny sampan'i Yaveh dia hafinaritra sy be voninahitra, ary ny vokatrin'ny tany dia hatsiro sy hafinaritra ho an'ireo sisa velona any Israely.
[3]Fa izay tavela any Ziona sy izay sisa tavela any Jerosalema dia hantsoina hoe masina, ny tsirairay izay voasoratra ho velona any Jerosalema.[4]Hitranga izany rehefa hanasa ny fahaloton'ireo zanaka vavin'ny Ziona ny Tompo, ary hanasa ny rà izay mandoto hatramin'ny afovoan'i Jerosalema, amin'ny alalan'ny fanahin'ny fitsarana sy ny fanahin'ny afo mirehitra.
[5]Ary eo ambonin'ny fitoeran'ny tendrombohitr'i Ziona manontolo sy eo amin'ny toeran'ny fiangonany, Yaveh dia hamorona rahona sy setroka amin'ny andro, ary famirapiratan'ny afo mirehitra amin'ny alina; ary ho sarona ambonin'ny voninahitra rehetra izany.[6]Ho alokaloka fialofana amin'ny hafanana izany amin'ny andro, ary ho fialofana sy ho fiarovana amin'ny tafiotra sy ny orana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

5 [1]Avelao aho hihira ho an'ny malalako tsara, hiran'ny malalako momban'ny tanim-boalobony. Nanana tanim-boaloboka teo amin'ny havoana tena lonaka ny malalako tsara.[2]Nasainy izany, nafindrany ireo vato, ary namboly izany tamin'ny karazam-boaloboka tena tsara izy. Nanangana tilikambo teo afovoan'izany izy, ary koa nanangana famiazanam-boaloboka. Niandry izany izy hamokatra voaloboka, saingy voalobo-dratsy ihany no namoha.
[3]Ary ankehitriny, ny mponin'i Jerosalema sy ny olon'i Joda, dia mitsara ahy sy ny tanim-boaloboko.[4]Inona koa no tokony natao tamin'ny tanim-boaloboko, izay mbola tsy vitako taminy? Rahoviana no naniry izany mba hamokatra ireo voaloboka aho, nahoana no namokatra voalobo-dratsy izany?
[5]Ary izao ho teneniko anareo izay hataoko amin'ny tanim-boaloboko: Halako ny fefy, havadiko ho ahitra izany, dia ho ravaiko ny mandany, ary ho voahitsaka izany.[6]Ho simbasimbaiko izany, ary tsy ho voarakotra na voakarakara. Fa kosa, ireo hery sy ireo tsilo no hitsimoka. Ho baikoiko ihany koa ny rahona tsy hanorana eo aminy.
[7]Fa ny tanim-boalobok'i Yaveh Tompon'ny maro no taranak'Israely, ary ny lehilahin'ny Joda no voly tiany; niandry ny rariny izy, kanjo, famonoana no nisy; ny fahamarinana, kanjo, fihiakin'ny fitarainana no solon'izany.
[8]Loza ho an'ireo izay mampifandray ny isan-trano, izay mampifandray ny isan-tsaha, ambarapaha-tsy misy efitra tavela, ka ianareo irery no sisa hitoetra eo amin'ny tany![9]Hoy Yaveh Tompon'ny maro tamiko, trano maro no ho foana, na dia lehibe sady tsara aza, tsy misy mpitoetra.[10]Fa bata iray monja no ho vokatry ny voaloboka folo zemeba, ary efaha iray monja no ho vokatry ny voanjavatra iray homera.
[11]Loza ho an'ireo izay mifoha vao mangiran-dratsy mba hahazo zava-pisotro mahery, ireo izay mijanona amin'ny alina mandra-pahamamon'ny divay azy ireo.[12]Nanasa tamin'ny harpa, lokanga, ny ampongatapaka, ny sodina, ary ny divay izy ireo, kanefa tsy nihevitra ny asan'i Yaveh izy ireo, na koa nihevitra ireo zava-bitan'ny tanany.
[13]Koa efa lasan-ko babo nohon'ny tsy fahampian'ny fahazavan-tsaina ny oloko; ho noana ireo mpitarika mendri-kaja azy ireo, ary tsy hisy ho sotroina ireo vahoakany.[14]Koa efa nataon'ny Fiainan-tsy hita ho lehibe ny homany ary nosokafany misanasana ny vavany; ary nidina tany amin'ny Fiainan-tsy hita, ireo sangany, ny vahoaka, ireo mpitariny, ary ireo mpampiseo sy ireo izay faly teo amin'izy ireo.
[15]Ny olona ho terena hiankohoka, ary ny olombelona dia hahetry; ny mason'ny avo dia hahidina.[16]Yaveh Tompon'ny maro dia hisandratra amin'ny fitsarany, ary ilay Andriamanitra Ilay Masina haneho ny tenany ho masina amin'ny alalan'ny fahamarinany.[17]Ary ny ondry dia hifahana toy ny eny amin'ny tanim-bilony ihany, ary tao amin'ny korontana, ireo zanak'ondry dia hihinana toy ny vahiny. [1]
[18]Loza ho an'ireo izay mitari-keloka amin'ny kofehy tsy misy ilana azy ary izay mitarik'ota toy ny hoe amin'ny tadin-tsarety izany.[19]Loza ho an'ireo izay milaza hoe: "Aoka handondona Andriamanitra, aoka hiasa faingana Izy, mba afahantsika mahita ny fisehon'izany; ary aoka ho tonga ny fikasan'Ilay Masin'Israely, mba hafantarantsika azy ireo."
[20]Loza ho an'ireo izay milaza ny ratsy ho tsara, ary tsara ho ratsy; izay manambara ny aizina toy ny mazava, ary mazava toy ny aizina; izay milaza ny mangidy ho mamy, ary ny mamy ho mangidy![21]Loza ho an'ireo izay hendry eo imasony ihany, ary malina amin'ny fahazavan-tsainy ihany!
[22]Loza ho an'ireo izay tompon-daka amin'ny fisotroana divay, ary tompony amin'ny fangaroana fisotro mahery;[23]izay manome tsiny ny ratsy fanahy ho amin'ny fanefana, ary manaisotra ny tsy manan-tsiny amin'ireo mariny!
[24]Koa tahaka ny lelan'afo mandevona mololo, ary tahaka ny ahitra maina levon'ny afo, dia ho lo ny fakan'ireo, ary ho voatsoka tahaka ny vovoka ireo felany. Hitranga izany satria nanda ny lalan'i Yaveh Tompon'ny maro izy ireo, ary satria efa nanao tsinotsinona ny tenin'Iray Masin'Israely.
[25]Ka noho izany ny fahatezeran'i Yaveh dia nirehitra amin'ireo olony. Efa naninjitra ny tanany manohitra azy ireo ary efa nanasazy azy ireo Izy. Hangovitra ireo tendrombohitra, ary ny fatin'izy ireo dia tahaka ny fako eny an-dalana. Amin'izany zavatra rehetra izany, dia tsy mbola miafana ny hatezerany; fa kosa, mbola hihinjitra ihany ny tanany.
[26]Ary hanangana faneva famantarana ho an'ireo firenena lavitra Izy ary hisioka ho an'ireo izay any am-paran'ny tany. Indro, ho avy faingana ary avy hatrany izy ireo.
[27]Tsy misy reraka na tafintohina amin'izy ireo; ary tsy misy rendrehana na matory. Na mivaha ny fehin-kibon'izy ireo, na tapaka ny fehin-kapany.[28]Maranitra ny zana-tsipìkany ary mienjana ny tsipìkany rehetra; ny kitron-tsoavalin'izy ireo dia tahaka ny afovato, ary ny kodiaran-kalesiny tahaka ny tafio-drivotra.
[29]Ny fierony dia ho tahaka ny liona; ary hierona tahaka ny zana-diona izy ireo. Dia hierona sy hisambotra ny haza ireo ary hitaritarika izany, ary tsy hisy hamonjy.[30]Amin'izany andro izany dia hierona hanohitra ny haza tahaka ny fieron'ny ranomasina izy ireo. Raha misy olona mijery ny tany, dia hahita haizina sy fijaliana izy; na dia ho maizin'ny rahona aza ny hazavana.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany misy hoe: "ary ao amin'ny korontan'ny mpanan-karena, dia hihinan'ahitra ireo zanak'ondry".

---

6 [1]Tamin'ny taona nahafatesan'i Ozia mpanjaka, dia nahita ny Tompo nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana aho; sady avo no ambony Izy, ary nameno ny tempoly ny moron'akanjo lavany.[2]Teo amboniny dia nisy ny serafima; samy nanana elatra enina avy; ny roa nanarona ny tavany, ny roa hafa nanarona ny tongony, ary ny roa nanidinany.
[3]Nifampiantso izy ireo ary nanao hoe: "Masina, masina, masina, i Yaveh Tompon'ny maro! Izao tontolo izao dia feno ny voninahiny."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Nihozongozona tamin'ny feon'ireo izay mitaraina ny fototr'ireo tokonam-baravarana, ary feno setroka ny trano.[5]Ary hoy aho hoe: "Loza! Very aho satria lehilahy maloto molotra aho, ary niaina teo amin'ny vahoaka maloto molotra, satria ny masoko dia efa nahita ny Mpanjaka, Yaveh, Yaveh tompon'ny maro!"
[6]Avy eo dia nisy iray tamin'ireo serafima nanidina teo amiko; nisy vain'afo teny an-tanany, izay nalainy niaraka tamin'ny tandra teny amin'ny alitara.[7]Nikasika ny molotro tamin'izany izy ary niteny hoe: "Indro, nikasika ny molotrao ity; afaka ny helokao, ary voavela ny fahotanao."
[8]Nandre ny feon'ny Tompo aho nanao hoe: "Iza no tokony hirahiko; iza no handeha ho antsika?" Dia hoy aho hoe: "Inty aho; hiraho aho."[9]Hoy Izy hoe: "Mandehana ary lazao ireo vahoaka ireo hoe: 'Henoy, fa aza takarina; jereo, fa aza mamantatra.'
[10]Hamafiso ny fon'io vahoaka io, ary ataovy marenina ny sofin'izy ireo, ary ataovy jamba ny mason'izy ireo. Raha tsy izany dia mety hahita amin'ny masony izy ireo, handre amin'ny sofiny, sy hahalala amin'ny fon'izy ireo, ary avy eo hiova ka ho sitrana." Ary hoy izaho, "Tompo o, mandra-pahoviana anefa?" Dia hoy Izy,
[11]Dia hoy aho hoe: "Ry Tompo, mandra-pahoviana?" Namaly Izy hoe: "Mandra-pahafoanan'ny tanàna, ka tsy hisy mponina, ary ny trano ytsy hisy olona, ary ny tany ho lao tokoa,
[12]ary Yahweh hampande lavitra ny olona, ka ho be ny lao ao amin'ny tany.
[13]Na ny ampaha-folon'ny olona tavela ao amin'izany aza, dia ho potehina indray; tahaka ny terebinta sy oka notapahina ka misy rantsany tavela, ilay voa masina dia ao amin'ny fotony."

7 [1]Tamin'ny andron'i Ahaza zanaka lahin'i Jotama zanaka lahin'i Ozia, mpanjakan'i joda, dia niakatra nankany Jerosalema i Rezina mpanjakan'i Syria, sy Pelza zanaka lahin'i Remalia, mpanjakan'Israely mba hanangana ady amin'izany, fa tsy nandresy izany izy ireo.[2]Notaterina tany amin'ny fianakavian'i Davida fa niaraka tamin'ny Efraima ny Syriana. Nangovitra ny fony, sy ny fon'ny vahoakany, toy ireo hazo any an'ala ahozongozon'ny rivotra. [1]
[3]Dia hoy Yaveh tamin'Isaia hoe: "Mivoaha miaraka amin'i Seara-jasoba zanakao lahy mba hitsena an'i Ahaza eo amin'ny faran'ny lakan-dranon'ny kamory ambony, eny amin'ny lalana mankany amin'ny Sahan'ny Mpanasa lamba.[4]Lazao azy hoe: 'Mitandrema, aza taitaitra, aza matahotra na ampitahorin'ireo tapa-porohana roa midonaka ireo, amin'ny hatezeran'i Rezina sy Syria, ary Pelza zanaka lahin'i Remalia.
[5]Syria, Efraima, ary ny zanaka lahin'i Remalia dia nanao teti-dratsy hanoherana anao; hoy izy ireo hoe:[6]"Andeha isika hanafika an'i Joda sy hampihorohoro azy, ary aoka isika hamaky azy ary hametraka ny mpanjakantsika, ilay zanaka lahin'i Tabeala ao."
[7]Hoy ny Tompo Yaveh hoe: "Tsy ho tanteraka izany; tsy hitranga izany,[8]satria Damaskosy no lohan'i Syria, ary Rezina no lohan'i Damaskosy. Ao anatin'ny dimy amby enim-polo taona, dia ho torotoro ny Efraima ary tsy ho vahoaka intsony.
[9]Samaria no lohan'i Efraima, ary ny zanaka lahin'i Remalia no lohan'i Samaria. Raha tsy mitoetra mafy amin'ny finoana ianareo, dia azo antoka fa tsy ho voaaro."""
[10]Niresaka tamin'i Ahaza indray ny Tompo hoe: [2][11]"Mangataha famantarana amin'i Yaveh Andriamanitrao; mangataha an'izany amin'ny lalina na amin'ny hahavon'ny ambony."[12]Fa hoy Ahaza hoe: "Tsy hangataka aho, na hitsapa an'i Yaveh."
[13]Koa namaly Isaia hoe: "Henoy, ry fianakavian'i Davida. Tsy ampy anareo vahoaka ve ny mitsapa ny faharetan'ny vahoaka? Tsy maintsy mitsapa ny faharetan'ny Andriamanitro koa ve ianareo?[14]Noho izany dia ny Tompo mihintsy no hanome famantarana anareo: indro, hitoe-jaza ilay tovovavy, hiteraka zazalahy, ary hiantso ny anarany hoe Imanoela. [3][15]Hihinana rononomandry sy tantely izy rehefa mahay mandà ny ratsy ary misafidy ny tsara.
[16]Fa mialohan'ny hahaizan'ilay zaza mandà ny ratsy ary misafidy ny tsara, dia ho lao ny tanin'ireo mpanjaka roa izay natahoranao ireo.[17]Yaveh dia hitondra andro tsy mbola nisy hatramin'ny nialan'i Efraima tamin'i Joda aminao, sy ny vahoakanao, ary amin'ny fianakavian-drainao—ho entiny eo aminao ny mpanjakan'i Asyria."
[18]Amin'izany andro izany Yaveh dia hisioka lalitra avy lavitra eny amin'ny onin'i Egypta, ary tantely avy eny amin'ny tanin'i Asyria.[19]Ho tonga avokoa izy rehetra ary hipetraka ambany eny amin'ny lohasaha lao, eny an-tsefatsefaky ny harambato, eny amin'ny fefy tsilo rehetra, ary eny amin'ny tany fihinanam-bilona rehetra.
[20]Amin'izany fotoana izany ny Tompo dia hanaratra amin'ny hareza nofaina tany amoron'ny Onin'i Eofrata—ilay mpanjakan'i Asyria—ny loha sy ny volon-tongotra; hanala ireo volom-bava ihany koa izany.[21]Amin'izany andro izany, dia hiompy ombivavy kely sy ondry roa ny olona,[22]ary nohon'ny habetsaky ny ronono izay homen'izy ireo, dia hihinana rononomandry izy, satria ny olona rehetra tavela eo amin'ilay tany dia hihinana rononomandry sy tantely.
[23]Amin'izany fotoana izany, teo amin'izay nisy divay aman'arivony tombanana sekely volafotsy arivo, dia tsy hisy na inona na inona afa-tsy tsilo.[24]Handeha ho any mba hihaza amin'ny tsipìka ny olona, satria ny tany rehetra dia ho tsilo avokoa.[25]Hijanona lavitr'ireo tanety rehetra izay navadika tamin'ny angady izy ireo, nohon'ny tahotra an'ireo tsilo; fa ho toerana fihinanan'ny biby fiompy sy ondry izany.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony ho: "... fa niaraka tamin'ny Efraima ny Syriana", ny dikan-teny sasany dia manao hoe: "... fa nitoby tao Efraima ny Syriana."
[2]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Niresaka ny Tompo", dia ny dikan-teny sasany manao hoe: "Niresaka Yaveh."
[3]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Ilay tovovavy", dia ny dikan-teny sasany manao hoe: "ny tovovavy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

8 [1]Nilaza tamiko Yaveh hoe: "Makà vato fisaka lehibe ary soraty amin'izany hoe: "Mahera-Salala-Hasi-Baza."[2]Hampiantso vavolombelona mahatoky hanamarina Ho Ahy Aho, dia Oria mpisorona, sy Zakaria zanaka lahin'i Jeberekia."
[3]Nankany amin'ny mpaminany vavy aho, ary nanan'anaka ka niteraka zazalahy izy. Ary Yaveh nilaza tamiko hoe: "Ataovy hoe: 'Mahera-salala-hasi-baza.' ny anarany.[4]Fa mialohan'ny hahaizan'ny zaza miantso hoe: 'dadako,' sy 'neniko,' ny mpanjakan'ny Asyria dia haka ny haren'i Damaskosy sy ny babon'ny Samaria."
[5]Niresaka tamiko indray Yaveh hoe:[6]"Satria ity vahoaka ity dia nandà ny rano misononok'i Siloa, ary faly eo amin-dRezina sy amin'ny zanaka lahin'i Remalia,[7]noho izany ny Tompo dia hitondra ireo ranon'ny renirano ho eo amin'izy ireo, mahery sy betsaka, ny mpanjakan'ny Asyria sy ny voninahiny rehetra. Ho tonga amin'ireo fantsony rehetra izany ka hahatondraka ireo morony.
[8]Ny Renirano dia hifaoka manomboka ao amin'i Joda, hanondraka sy hamakivaky, mandra-pahatongan'izany eo amin'ny tendanao. Ireo elany mivelatra dia hameno ny sakan'ny tany, ry Imanoela."
[9]Ho torotoro ianareo ry vahoaka. Mihainoa, ry firenana lavitra rehetra: vonony amin'ny ady ny tenanareo ary torotoroa; vonony ny tenanareo ary torotoroa.[10]Manaova fikasana, fa tsy ho tanteraka izany; mamoaha didy, fa tsy ho tanteraka izany, fa momba anay Andriamanitra.
[11]Yaveh niteny tamiko, niaraka tamin'ny tanany mahery izay teo amiko, ary mampitandrina ahy tsy handeha amin'ny lalan'ity vahoaka ity.[12]Aza antsoina ho tetika ny zavatra izay antsoin'ity vahoaka ity ho tetika, tsy hatahotra izay hatahorany ianao, ary aza raiki-tahotra.[13]Fa Yaveh Tompon'ny maro no omenao voninahitra ho masina; Izy no ilay izay tokony hatahoranao, ary izy ilay izay tokony hangovitanao.
[14]Ho tonga fitoerana masina Izy; fa ho vato famelezana Izy, ary ho vatolampy hanatafitohina_ ho an'ny ankohonan'Israely, ary ho an'ny vahoakan'i Jerosalema dia ho fandrika sy tonta Izy.[15]Maro no ho tafitohina amin'izany ka ho lavo ary ho rava, ho voafandrika ka ho baboana.
[16]Fehezo ny fijoroako vavolombelona, ary asio tombo-kase ny firaketana ofisialy, ary omeo ireo mpianatro izany.[17]Hiandry an'i Yaveh aho, izay manafina ny tavany amin'ny ankohonan'i Jakoba; hiandry Azy aho.[18]Indro, izaho sy ireo zanako lahy izay nomen'i Yaveh ahy ho famantarana sy ho zava-mahagaga ao Israely avy amin'i Yaveh Tompon'ny maro, izay mipetraka eo amin'ny Tendrombohitr'i Ziona.
[19]Hiteny aminao izy ireo hoe: "Anontanio ireo mpahita sy ireo mpisikidy," ireo izay tsindrian-javatra mimonomonona sy mibitsibitsika fiantsoana. Fa tsy tokony hanontany ny Andriamaniny ve ny olona? Tokony hanontany ny maty ho an'ny velona ve izy ireo?[20]Araka ny lalàna sy ny fijoroana vavolombelona! Raha tsy miteny zavatra tahaka izany izy ireo, dia satria tsy manana ny fahazavan'ny maraina.
[21]Handalo eo amin'ny tany amin'ny fahoriana sy ny hanoanana lehibe izy ireo. Rehefa noana izy ireo, dia ho tezitra ary hanozona ny mpanjakany sy ny Andriamanitry, raha manandratra ny tavan'izy ireo ambony.[22]Hijery ny tany izy ireo ka hahita ny fahoriana, ny aizina, ary ny fanjombonana mampahory. Ho roahina makany amin'ny tanin'ny fahamaizinana izy ireo.

9 [1]Hiala ny aizim-pito eo aminy izay tao anatin'ny fangirifiriana. Tamin'ny taloha dia nanala baraka ny tanin'i Zebolona sy ny tanin'i Naftaly Izy, nefa amin'ny fotoana aty aoriana dia hanao izany ho be voninahitra izy, sy lalana mankany amin'ny ranomasina, any an-dafin'i Jordana, ireo firenen'i Galilea.[2]Efa nahita fahazavana lehibe ny vahoaka izay mandeha amin'ny aizina; ireo izay efa niaina tao amin'ny tanin'ny aloky ny fahafatesana, efa namirapiratra teo amin'izy ireo ny fahazavana. [1]
[3]Efa nampamaro ny firenena Ianao; efa nampitombo ny hafalian'izy ireo Ianao. Mifaly manoloana Anao izy ireo tahaka ny fifaliana amin'ny fotoan'ny fijinjana, toy ny olona faly rehefa mizara ny voaroba izy ireo.
[4]Notorotoroinao toy ny tamin’ny andron’ny Midiana ny zioga mavesany, ny andry teo an-tsorony, ny tsorakazon’ny mpampahory azy.[5]Fa ny kiraro rehetra izay manitsaka eo amin’ny fikorontanana sy ireo akanjo mihoson-drà, dia ho dorana, atao solika ho an’ny afo.
[6]Fa zaza no teraka ho antsika, zanaka lahy no nomena antsika, ary ny fanapahana ho eo amin'ny sorony; ary ny Anarany ho antsoina hoe Mpanolo-tsaina Mahagaga, Andriamanitra Mahery, Ray Mandrakizay, Andriandahin'ny Fiadanana.
[7]Amin'ny fitombon'ny Governemantany sy amin'ny fiadanana dia tsy hisy farany, raha manapaka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida Izy, sy eo amin'ny fanjakany, mba hametrahany sy hanohanany izany amin'ny rariny sy fahamarinana tamin'ny nanomboka tamin'io fotoana io ary ho mandrakizay. Ny zotom-pon'i Yaveh Tompon'ny maro no hanao izany.
[8]Nandefa teny ho an'i Jakoba ny Tompo, ary tonga teo amin'Israely izany.[9]Ny vahoaka rehetra hahafantatra, na dia i Efraima sy ireo mponin'i Samaria, izay miteny amin'ny fiavonavona sy fireharehan'ny fony hoe:[10]"Efa nianjera ireo biriky, nefa hatsangatsika indray amin'ny vato fandraka izany; efa voatapaka ireo amontana, fa ho solointsika sedera eo amin'ny toerany."
[11]Noho izany hitsangana hanohitra azy i Yaveh dia i Rezina, ilay mpifanandrina aminy, ary hamporisika ireo fahavalony,
[12]dia ireo Syriana avy any atsinanana, ary ireo Filistina avy any andrefana. Handevona ny Israely amin'ny vavany misanasana izy ireo. Amin'izany zavatra rehetra izany, tsy nihena ny fahatezerany; fa kosa, mbola mihinjitra ny tanany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Nefa ny olona tsy hiverina Aminy izay namely azy ireo, na hitady an'i Yaveh Tompon'ny maro.[14]Koa dia ho tapahin'i Yaveh ny loha sy ny rambon'Israely, ny sampan-drofia sy ny volotara, ao anatin'ny indray andro.[15]Ny mpitarika sy ny olona mendri-kaja no lohany; ary ny mpaminany izay mampianatra lainga no rambony.
[16]Ireo izay mitarika ireo vahoaka ireo no mitarika azy ireo amin'ny lalan-diso, ary ireo izay mitarika azy ireo no voatelina.
[17]Noho izany tsy ho faly amin'ny zatovolahin'izy ireo ny Tompo na hanana fangoraham-po eo amin'ny kambotin'izy ireo sy ireo mpitondratena Izy, satria ny olona rehetra mpihatsaravelatsihy sy mpanao ratsy, ary ny vava rehetra miteny adalana. Amin'izany zavatra rehetra izany, dia tsy mihena ny fahatezerany; fa kosa, mbola mihinjitra ny tanany.
[18]Fa ny faharatsiana mandoro toy ny afo; mandevona ny hery sy ny tsilo izany; mandoro ny kirihitr'ala aza izany, izay miakatra ao amin'ny savorovoron-tsetroka.[19]Amin'ny fahatezeran'i Yaveh Tompon'ny maro no mandoro ny tany, ary ny olona dia toy ny solika ho an'ny afo. Tsy misy olona miantra ny rahalahiny.
[20]Handrapaka ny sakafo amin'ny tanana ankavanana izy ireo nefa noana ihany; hihinana ny sakafo amin'ny tanana ankavia izy ireo nefa tsy ho afa-po. Na dia ny tsirairay aza dia hihinana ny nofon'ny sandriny ihany. [2][21]Manase handevona an'i Efraima, ary Efraima handevona an'i Manase; ka hiaraka hanafika an'i Joda izy ireo. Amin'izany zavatra rehetra izany, tsy hihena ny fahatezerany; fa kosa, mbola mihinjitra ny tanany.

---

[1]Fanamarihana: raha tokony hoe: "ny aloky ny fahafatesana", ireo dikan-teny sasany manao hoe "aizina".
[2]Fanamarihana: Raha toa ka "ny nofon'ny sandriny ihany", ny dikan-teny sasany manao hoe "ny nofon'ny zanany ihany".

---

10 [1]Loza ho an'ireo izay manao lalàna tsy araka ny hitsiny ary manoratra didy tsy ara-drariny.[2]Tsy manome rariny ireo mila fanampiana izy ireo, mandroba ny oloko mahantra amin'ny zony izy ireo, mandroba ireo mpitondratena, ary manao ireo kamboty ho hazan'izy ireo!
[3]Inona no hataonao amin'ny andro fitsarana rehefa ho tonga avy lavitra ny faharavana? Amin'iza ianao no hitady fanampiana, ary aiza no hamelanao ireo harenanao?[4]Tsy hisy na inona na inona ho tavela, ary hitampify eo amin'ireo gadra ianao na ho lavo eo amin'ireo maty. Amin'ireo zavatra rehetra ireo, dia tsy hihena ny hatezerany; fa kosa, ny tanany dia mbola mihinjitra hatrany.
[5]Loza ho an'ireo Asyriana, ny tsorakazon'ny fahatezerako, tsorakazo izay hitondrako ny fahavinirako![6]Alefako hanohitra firenena miavonavona sy hanohitra ny vahoaka izay mizaka ny hatezerako manafotra izy. Mandidy azy haka ny babo, haka ny haza, ary hanitsaka ireo tahaka ny fotaka eny amin'ireo lalana Aho.
[7]Kanefa tsy izany no kasainy, na hoe mihevitra toy izany izy. Ao am-pony izany hoe handrava sy handringana firenena maro izany.[8]Fa hoy izy hoe: "Moa tsy mpanjaka avokoa ve ireo andrian-dahiko rehetra?"[9]Tsy tahaka an'i Karkemisy ve i Kalno? Tsy tahaka an'i Arpada ve i Hamata? Tsy tahaka an'i Damaskosy ve i Samaria?
[10]Tahaka ny nandresen'ny tanako ireo fanjakana mpanompo sampy, izay ireo sarin-javatra sokitr'izy ireo dia lehibe kokoa noho ireo an'i Jerosalema sy Samaria,[11]tahaka izay nataoko tany Samaria sy ireo sampy zava-poany, moa tsy hanao toy izany amin'i Jerosalema sy ireo sampiny ihany koa ve aho?"
[12]Rehefa nahavita ny asany teo amin'ny Tendrombohitra Ziona sy tao Jerosalema ny Tompo, dia hanasazy ny tenin'ny fo miavonavon'ny mpanjakan'i Asyria sy ny fijery feno avonavony Aho.[13]Fa izy niteny hoe: "Amin'ny alalan'ny tanjako sy ny fahendreko no hiasako." Manana fahazavan-tsaina aho, ary efa nanala ny fefin'ireo vahoaka. Efa nangalariko ny haren'izy ireo, ary tahaka ny ombilahy no nampidinako ireo mponina.
[14]Toy ny fisamborana avy ao amin'ny akany, no nakan'ny tanako ireo haren'ny firenena, ary tahaka ny fanangonan'ilay iray ireo atody nilaozana, no hanangonako ny tany rehetra. Tsy nisy nanakopakopaka ny elany izy ireo na nanokatra ny vavany na nihiakiaka."
[15]Moa ve ny famaky hirehareha momba ny tenany amin'ilay iray izay mampiasa izany? Moa ve ny tsofa hidera bebe kokoa ny tenany noho ilay iray izay manapaka amin'ny alalan'izany? Izany dia tahaka ny hoe: tsorakazo iray izay afaka miainga amin'ireo izay manainga izany na toy ny hoe afaka manainga olona ilay tsorakazo.[16]Noho izany dia handefa fahiazana eo amin'ireo mpiadiny sangany i Yaveh Tompo tompon'ny maro; ary eo ambanin'ny voninahiny dia hisy firehetana tahaka ny afo mirehitra.
[17]Ho tonga afo ny fahazavan'Israely, ary ilay Iray Masiny ho lelan'afo; handoro sy handevona ireo tsilony ao anatin'ny iray andro monja izany.[18]Yaveh dia hanimba ny voninahitry ny alany sy ny taniny mamokatra, dia ny fanahin'izany sy ny vatan'izany; ho tahaka ny ain'ny olona marary miha-osa izany.[19]Ho vitsy ireo sisa tavela amin'ireo hazon'ny alany, ka na ny zaza aza afaka hanisa ireo.
[20]Amin'izany andro izany, ireo Israely sisa, ireo fianakavian'i Jakoba izay nitsoaka, dia tsy hiantehitra amin'ilay iray izay nandresy azy ireo intsony, fa hiankina amin'i Yaveh tokoa, dia ilay Iray Masin'Israely.[21]Izay tavela amin'i Jakoba dia hiverina any amin'ilay Andriamanitra mahery.
[22]Fa na ny olonao aza, ry Israely, dia tahaka ny tora-pasika eny amoron-dranomasina, izay sisa tavela amin'izy ireo ihany no hiverina. Notendrena ny faharavana, araka ny fangatahana manafotry ny fahamarinana.[23]Fa i Yaveh Tompo tompon'ny maro, dia eo an-dalam-pitondrana ny faharavana izay notendrena manerana ny tany.
[24]Noho izany i Yaveh Tompo tompon'ny maro milaza hoe: "Ry vahoakako izay mipetraka ao Ziona, aza matahotra ireo Asyriana." Hamely anao amin'ny tsorakazo izy, ary hanangana ny tehiny aminao, araka izay nataon'ireo Egyptiana.[25]Aza matahotra azy, fa afaka fotoana fohy dia hifarana ny hatezerako aminao, ary hitarika ny faharavany ny hatezerako."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Ary i Yaveh tompon'ny maro dia hanainga ny karavasiny amin'izy ireo, toy ny tamin'ny nandreseny an'i Midiana teo am-batolampy Oreba. Hanainga ny rantsan-kazony eo amin'ny ranomasina Izy ary hanainga izany toy ny nataony tao Egypta.
[27]Amin'izany andro izany, ny vesany dia hiainga avy eo amin'ny sorokao ary ny ziogany avy eo amin'ny vozonao. Ary ny zioga dia ho rava nohon'ny hatavezana.[1]
[28]Tonga tao Aiata ny fahavalo ary nandalo an'i Migrona; tany Mikmasy no nitehirizany ireo vatsiny.[29]Niampita tamin'ny fandalovana izy ireo ary nitoetra tao Geba. Nihovitrovitra i Rama ary nandositra i Gibean'i Saoly.
[30]Mikiakiaha mafy, ry zanaka vavin'i Galima! Aoka ho liana, ry Laisy! Indrisy ry Anatota mahantra.[31]Mandositra i Madmena, ary ireo mponin'i Gebima dia mihazakazaka ho amin'ny fiarovana.[32]Amin'io andro io mihitsy no hijanona ao Noba izy ka hamokona ny totohondriny any an-tendrombohitry ny zanaka vavin'i Ziona, ilay havoan'i Jerosalema.
[33]Indro, ilay Yaveh Tompo tompon'ny maro hampianjera ny sampana amin'ny fianjerana mahatsiravina; ireo hazo lava indrindra dia hotapahana, ary izay avo dia hafohezina.[34]Hamaky ireo matevina indrindra amin'ny ala amin'ny famaky izy, ary i Libanona dia hianjera amin'ny fiandrianany.

---

[1]Fanamarihana: Ny andalana farany amin'ity andininy ity dia sarotra satria tahaka ny hoe tsy mifanaraka amin'ny foto-kevitra io. Ny dikan-teny sasany vaovao dia manala ny hoe: "nohon'ny hatavezana". Ny dikan-teny vaovao hafa dia misy hoe: "ary ny zioga dia ho rava avy eo amin'ny vozonao. Niakatra any Rimona izy." Eto ny hoe: "Izy" dia midika hoe: mpanjaka Asyriana sy ny tafiny.

---

11 [1]Hisy sampany hitsimoka avy amin'ny fototr'i Jese, ary hisy rantsana avy amin'ny fakany hitondra voany.[2]Hitoetra ao aminy ny Fanahin'i Yaveh, ilay fanahin'ny fahendrena sy fahazavan-tsaina, ilay fanahin'ny fampianarana sy hery, ilay fanahin'ny fahalalana sy tahotra an'i Yaveh.
[3]Ny sitrany no ho tahotra ny Tompo; tsy ho tsaraina amin'izay hitan'ny masony izy, na hanapa-kevitra amin'izay ren'ny sofiny.[4]Fa kosa, hitsara ny mahantra amin'ny fahamarinana izy ary hanapa-kevitra ara-drariny amin'ny mpanetry tenan'ny tany. Hamely ny tany amin'ny tsora-kazon'ny vavany izy, ary hamono ny ratsy fanahy amin'ny fofon'ain'ny molony.[5]Ny fahamarinana no ho fehin-kibon'ny andilany, ary fahatokiana no fehin-kibo mihodidina ny valahany.
[6]Ary ny amboadia hiara-hiaina amin'ny zanak'ondry, ary ny leoparda hiara-mandry amin'ny zanak'osy, zanak'omby, ny liona tanora ary ny ombikely hatavezina. Zazakely no hitarika azy ireo.[7]Ny ombivavy sy ny bera dia hiara-hiraoka, ary ny zanak'izy ireo hiara-mandry. Ny liona dia hihinana mololo tahaka ny omby.
[8]Hilalao eo an-davaky ny menarana ny zaza, ary ny zaza nisara-nono hametraka ny tanany eo an-davaky ny bibilava.[9]Tsy handratra na handrava eny amin'ny tendrombohitro masina rehetra izy ireo; satria ho feno fahalalana an'i Yaveh ny tany, toy ny rano mandrakotra ny ranomasina.
[10]Amin'izany andro izany, dia hitsangana toy ny faneva ho an'ny vahoaka ny fototr'i Jese. Hitady azy ireo firenena ary ho be voninahitra ny toerana fitsaharany.[11]Amin'izany andro izany, dia hanitatra ny tanany indray ny Tompo mba handrakotra ireo sisa amin'ny vahoakany izay mitoetra any Asyria, Egypta, Patrosa, Kosa, Elama, Sinara, Hamata, ary ireo nosin'ny ranomasina.
[12]Hametraka faneva ho an'ireo firenena Izy ary hanangona ireo voaroakan'Israely sy ireo voaelin'i Joda avy any amin'ny zorony efatry ny tany.[13]Hamadika ny fanirian'i Efraima Izy, ary ho fongorana ny fankahalan'i Joda. Tsy haniry an'i Joda ny Efraima, ary Joda tsy hankahala an'i Efraima intsony.
[14]Fa hidina hanafika any amin'ny havoan'ny Filistina any avaratra kosa izy ireo, ary hiara-hambabo ny vahoaka any antsinanana. Hanafika an'i Edoma sy Moaba izy ireo, ary hankatoa azy ireo ny vahoakan'i Amona.[15]Hamotika tanteraka any sakeli-dRanomasin'i Egypta i Yaveh. Miaraka amin'ny rivony mahamay dia hanofahofa ny tanany eo amin'ny Ony Eofrata Izy ary hanasaraka izany ho sampana fito, ka afaka hiampitana miaraka amin'ny kapa izany.
[16]Hisy lalam-be ho an'ny sisa amin'ny vahoakany izay miverina avy any Asyria, toy ny nisian'izany ho an'Israely tamin'ny niakaran'izy ireo avy any amin'ny tany Egypta.

12 [1]Amin'izany andro izany dia hilaza ianao hoe: "Hanatitra fisaorana ho Anao aho, ry Yaveh. Fa na tezitra tamiko aza Ianao, dia niodina ny fahatezeranao, ary nankahery ahy Ianao.[2]Indro, Andriamanitra no famonjena ahy; hatoky aho ary tsy hatahotra, fa Yaveh, eny, Yaveh no heriko sy hirako. Izy no tonga famonjena ahy."
[3]Amin-kafaliana no hisintomanao rano avy amin'ny loharanon'ny famonjena.[4]Amin'izany andro izany no hilazanao hoe: "Manatera fisaorana ho an'i Yaveh ary miantsoa ny Anarany; ambarao amin'ny olona ireo asany, ambarao fa nasandratra ny Anarany."
[5]Mihirà ho an'i Yaveh, fa nanao zavatra be voninahitra Izy, aoka ho fantatra manerana ny tany izany.[6]Miantsoa mafy ary mihiakiaha fifaliana, ianao ry mponin'i Ziona, fa lehibe eo afovoanao ny Iray Masin'Israely."

13 [1]Fanambarana mahakasika an'i Babylona, izay voarain'i Isaia zanaka lahin'i Amoza:[2]Manangàna faneva any an-tendrombohitra mangadihady, mihikiaha mafy amin'izy ireo, ahofahofay amin'izy ireo ny tananareo mba hidirany amin'ny vavahadin'ireo andriana.[3]Efa nandidy ireo masiko Aho, eny efa niantso ny maheriko mba hanatanteraka ny fahatezerako, eny na dia ireo mibitaka am-pireharehana aza.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Ny horakoraky ny maro an'isa any an-tendrombohitra, dia tahaka ny vahoaka marobe! Ny tabataban'ny fanjakana tahaka ireo firenena maro tafatambatra! Yaveh tompon'ny maro no mampahery ny tafika amin'ny ady.[5]Avy any amin'ny firenena lavitra izy ireo, avy any amin'ny faravodilanitra. Yaveh sy ireo fitaovana fitsarany, mba handravana ny tany manontolo.
[6]Midradradradrà, fa efa antomotra ny andron'i Yaveh; ho avy miaraka amin'ny fahapotehana avy amin'ilay Tsitoha izany.
[7]Noho izany dia hiraviravy ny tanana rehetra ary ho onena ny fo.[8]Hihorohoro izy ireo; ho azon'ny fanaintainana sy fahoriana izy ireo, tahaka ny vehivavy miteraka. Samy ho talanjona amin'izy samy izy ireo; ary hirehitra ireo tavany.
[9]Indro, tonga amin'ny fahavinirana lozabe sy fahatezerana manafotra ny andron'i Yaveh, mba hahatonga ny tany ho lao sy hamotika ireo mpanota avy ao amin'izany.[10]Ireo kintan'ny lanitra sy ireo telonohorefy dia tsy hanome ny hazavany. Ny masoandro dia ho mazina amin'ny fiposahany, ary tsy hamiratra ny volana.
[11]Hanasazy izao tontolo izao noho'ny faharatsiany ary ireo ratsy fanahy nohon'ny helok'izy ireo Aho. Hampitsahatra ny fiavonavon'ireo mpirehareha sy hanafoana ny fiavonavon'ny masiaka Aho.[12]Hataoko mahalana noho ny volamena voadio ny olona ary ny olombelona ho saro-tadiavina noho ny volamena tsy mifangaron'i Ofira.
[13]Noho izany dia hataoko mihovitrovitra amin'ny alalan'i Yaveh tompon'ny maro, sy amin'ny androm-pahatezerany lehibe ny lanitra, ary hataoko miozongozona eo amin'ny toerany ny tany.[14]Tahaka ny gazela voahaza na tahaka ny ondry tsy misy mpiandry, no hiverenan'ny olona tsirairay amin'ny vahoakany ary handosirany any amin'ny taniny.
[15]Izay rehetra hita dia ho faty avokoa, ary izay rehetra tratra dia ho fatin'ny sabatra.[16]Ny zaza madinik'izy ireo dia hotorotoroina eo imasony. Ny tranon'izy ireo dia ho baboina ary ireo vadiny ho voasavika.
[17]Indro, mamporisika ireo Mediana mba hanafika azy ireo Aho, izay tsy ho voakasiky ny volafotsy, na hankamamy ny volamena.[18]Ny tsipìkan'izy ireo handefona ireo zatovony. Tsy hanana antra amin'ny zaza sy tsy hamindra fo amin'ny ankizy izy ireo.
[19]Ary Babylona, ilay mendri-piderana indrindra amin'ireo fanjakana, ilay famirapiratan'ny reharehan'ny Kaldeana, dia horavana tahaka an'i Sodoma sy Gomora.[20]Tsy honenana na hitoerana izany hatramin'ny taranaka fara-mandimby. Tsy hisy Arabo hanorin-day any, na hisy mpiandry ondry hampandry ny ondriny any.
[21]Fa ireo bibidian'ny efitra no hitoetra any. Ho feno vorondolo ny tranon'izy ireo; ary ostrisa sy osilahy no hifalihavanja ao.[22]Hierona ao anaty fiarovany ny kary, ary ny amboadia ao amin'ireo toerana mahafinaritra. Antomotra ny fotoanany, ary ireo androny dia tsy ho tara.

14 [1]Hangoraka an'i Jakoba Yaveh; hifidy an'Israely indray Izy ary hamerina azy ireo ao amin'ny taniny. Hikambana amin'izy ireo ny vahiny ary hampifatotra ny tenany amin'ny ankohonan'i Jakoba.[2]Hitondra azy ireo any amin'ny toerany ireo firenena. Dia hitondra azy ireo any amin'ny tanin'i Yaveh ho mpanompo lahy sy vavy ny ankohonan'Israely. Hambabo ireo izay efa nambabo azy izy ireo, ary hanapaka ireo mpampahory azy.
[3]Amin'ny andro izay hanomezan'i Yaveh fitsaharana ho anareo amin'ny fijaliana sy ny fangirifiriana, sy amin'ny asa mafy izay takiana ho tanterahinareo,[4]dia hihira izao hira fanesoana ho an'ny mpanjakan'i Babylona izao ianareo hoe: "Endrey vita ny amin'ny mpampahory, tapitra ny fahavinirana mieboebo! [1]
[5]Efa namotika ny tehin'ny ratsy fanahy Yaveh, ny tehim-panjakan'ireo mpanapaka ireo,[6]izay mamely ny vahoaka amin'ny fahatezerana amin'ny fitsofana tsy manam-pitsaharana, izay nanapaka ireo firenena tamim-pahatezerana, tamin'ny fanafihana izay tsy nitsahatra.
[7]Mitsahatra ary mandry ny tany manontolo; manomboka mankalaza amin'ny hira izy ireo.[8]Na dia ny hazo kypreso aza dia mifaly aminao mbamin'ireo sederan'i Libanona; hoy ireo: 'Koa satria nahetry ambany ianao, dia tsy nisy mpanapaka hazo niakatra mba hikapa anay.'[9]Miandry fatratra ny hitsena anao ny Fiainan-tsy hita ambany raha mankany ianao. Manangana ny maty ho anao izany, ry mpanjakan'ny tany rehetra, mampitsangana azy ireo eo amin'ny seza fiandrianany, ry mpanjakan'ny firenena rehetra.
[10]Hiteny avokoa izy rehetra ary hanao aminao hoe: 'Efa tonga malemy tahaka anay ianao. Efa tonga tahaka anay ianao.
[11]Efa nahidina ho any amin'ny Fiainan-tsy hita tamin'ny feom-balihinao ny voninahitrao. Miparitaka eo ambaninao ireo olitra, ary mandrakotra anao ireo kankana.'
[12]Akory ny nianjeranao avy any an-danitra, ry kintan'ny andro, zanaky ny maraina! Akory ny hanapahana anao amin'ny tany, ianao izay nandresy ireo firenena![13]Efa nilaza tao am-ponao ianao hoe: 'Hiakatra ho any an-danitra aho, hanandratra ny seza fiandrianako ambonin'ireo kintan'Andriamanitra aho, ary hipetraka eo an-tendrombohitry ny fiangonana, any amin'ny farany lavitry ny avaratra.[14]Hiakatra ambonin'ireo rahona avo aho; ataoko tahaka ny Andriamanitra Avo Indrindra ny tenako.'
[15]Kanefa nahidina tany amin'ny fiainan-tsy hita ianao, tany amin'ny lalin'ny lavaka.[16]Ireo izay mahita anao dia handinika anao ka hihaino anao izy ireo. Hanao izy ireo hoe: 'Moa ity ve ilay lehilahy izay nampangovitra ny tany, izay nampihozongozona ireo fanjakana,[17]izay nanao izao tontolo izao ho tahaka ny efitra, izay nandrava ireo tanànan'izany ary tsy namela ireo gadrany hody?'
[18]Ny mpanjakan'ireo firenena rehetra, izy rehetra dia mandry amim-boninahitra, ny tsirairay samy ao amin'ny fasany avy.[19]Nefa ianao dia ho esorina ao amin'ny fasanao tahaka ny ratsan-kazo nariana. Mandrakotra anao tahaka ny fitafiana ny maty, dia ireo izay notrobarana tamin-tsabatra, izay midina any amin'ireo vaton'ny lavaka.[20]Tsy ho alevina tahaka azy

ireo ianao, satria efa namotika ny taninao sy namono ny vahoakanao. Ny taranaky ny mpanao ratsy dia tsy ho tononina intsony."
[21]Omany ho an'ireo zanany ny famonoanao, ho an'ny helok'ireo razambeny, mba tsy hitsangana izy ireo ka haka ny tany ary hameno izao tontolo izao amin'ireo tanàna.[22]"Hitsangana hanohitra azy ireo Aho"—izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro. Ho foanako hiala amin'i Babylona ny anarana, ny taranaka, ary ny harena"—izany no fanambaran'i Yaveh.[23]"Hataoko ho ao amin'ny fananan'ireo vorondolo ihany koa izy, sy ao amin'ireo dobon-drano, ary hofafako amin'ny kifafan'ny fandringanana izy"—izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro.
[24]Efa nianiana Yaveh Tompon'ny maro hoe: "Araka ny efa nokasaiko tokoa, no hitranga; ary araka izay efa nokendreko, dia izany no ho izy:[25]Ho potehiko ao amin'ny tany ireo Asyriana, ary hitsahiko amin'ny tongotra eo amin'ireo tendrombohitro izy. Dia ho esorina hiala amin'izy ireo ny ziogany ary hiala eo amin'ny hatok'izy ireo ny enta-mavesany."
[26]Izany no fikasana izay nokasaina ho an'ny tany tontolo, ary izany no tanana izay nasandratra ho an'ireo firenena rehetra.[27]Fa efa nikasa izany Yaveh Tompon'ny maro; iza no hahasakana Azy? Misandratra ny tanany, ka iza no hampihemotra izany?
[28]Tamin'ny taona izay nahafatesan'i Ahaza mpanjaka no nahatongavan'izao fanambarana izao hoe:[29]Aza mifaly, ianareo ry Filistina rehetra, fa tapaka ny tsora-kazo izay namely anareo. Fa avy ao amin'ny fakan'ny bibilava no hivoahan'ny menarana, ary ny haterany dia ho bibilava mirehitra manidina.[30]Hampihinana ireo ondriny eo amin'ireo fihinanam-biloko ny lahimatoan'ny mahantra, ary handry amim-pilaminana ny ory. Hovonoiko amin'ny mosary izay hamono ny sisa velona aminareo ny fakanareo.
[31]Midradradradà, ry vavahady; mitomania, ry tanàna; ianareo rehetra dia hiempo avokoa, ry Filistia. Fa avy ao avaratra no hiavian'ny rahon-tsetroka, ary tsy misy miala eo an-daharany.[32]Koa ahoana ary no hamalian'ny olona ny irak'izany firenena izany? Fa hitan'i Yaveh i Ziona, ary ao aminy no hahitan'ny ory amin'ny olony fialofana.

---

[a]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Tapitra ny fahavinirana lehibe", ny dikan-teny sasany manao hoe: "Tapitra ilay tanàna volamena", "Tapitra ny korontana", "tapitra ny fandrafiana", na "Tapitra ny fiavonavonana".

---

15 [1]Fanambarana mahakasika an'i Moaba. Eny tokoa, anatin'ny alina iray dia foana sy potika i Ara-moaba; eny tokoa, anatin'ny alina iray dia foana sy potika i Kira-moaba.[2]Niakatra ho any an-tempoly izy ireo, niakatra ho any amin'ny tampony ny olon'i Dibona mba hitomany; mitomany ao Nebo sy ao Medeba i Moaba. Voaharatra ho sola ny lohan'izy ireo ary voatapaka ny volom-bavan'izy rehetra.
[3]Mitafy lamba fisaonana izy ireo eny amin'ireo lalan'izy ireo; midradradradra eo amin'ny tampon-trano sy eny an-kianja ny tsirairay, ketraky ny tomany.[4]Miantso vonjy i Hesbona sy i Elale; re hatrany Jahaza ny feon'izy ireo. Ka miantso vonjy ireo lehilahin'i Moaba mitam-piadiana; mangovitra ao anatin'izy ireo ihany izy ireo.
[5]Mitomany ho an'i Moaba ny foko; mandositra ho any Zoara sy Egleta-selisia ireo mpandosiny. Miakatra any amin'ny fiakaran'i Lonita am-pitomaniana izy ireo; midradradradra mafy ny amin'ny fahasimbany amin'ny lalana ho any Horonaima izy ireo.[6]Ritra ireo ranon'i Nimrima; malazo ireo ahitra ary maty ireo ahi-baovao; tsy misy na inona na inona maitso.[7]Izay rehetra nampitomboiny sy nangonin'izy ireo dia nentin'izy ireo any an-dohasahan-driakan'ireo hazomalahelo.
[8]Nanerana ny faritanin'i Moaba ny tomany; hatrany Eglaima sy Ber-elima ny fidradradradrana.[9]Fa feno rà ireo ranon'i Dimona; fa mbola bebe kokoa no ho entiko amin'i Dimona. Hanafika izay tafatsoaka avy ao Moaba sy ireo sisa tavela eo amin'ny tany ny liona.

16 [1]Andefaso omby aman'osy ny mpanapaka ny tany avy any Sela any an'efitra, hatrany amin'ny tendrombohitry ny zanaka vavin'i Ziona.[2]Tahaka ireo vorona mpirenireny, tahaka ireo akany miparitaka, ka ny vadin'i Moaba dia ho ao amin'ny fintana any amin'ny reniranon'i Arnona.
[3]Manomeza hevitra, ampiharo ny rariny; manomeza alokaloka tahaka ny alina amin'ny mitataovovonana; hafeno ireo mpandositra; aza mamadika ireo mpandositra.[4]Aoka honina eo aminareo izy ireo, ry mpitsoa-ponenana avy any Moaba; meteza ho toerana fiafena ho azy ireo amin'ny mpandringana." Fa hijanona ny fampahoriana, ary hitsahatra ny fandravana, ireo izay nanosihosy dia hanjavona amin'ny tany.
[5]Hapetraka amin'ny fanekena mahatoky ny seza fiandrianana; ary ny iray avy amin'ny lain'i Davida dia hipetraka ao am-pahatokiana. Hitsara tahaka ny fitadiavany ny rariny izy ary hanao fahamarinana.
[6]Naheno ny avonavon'i Moaba izahay, ny fireharehany, ny fihoa-bavany, ary ny hatezerany. Fa ny fireharehany dia teny foana.[7]Ka midradradradra ho an'i Moaba i Moaba_Midradradradra izy rehetra! Misaonà ho an'ny ampempam-boalobok'i Kira-haresa, ianao izay rava tanteraka.
[8]Nihamaina tahaka ireo voalobok'i Sibma ireo sahan'i Hesboma. Ny mpanapaka amin'ny firenena dia nanosihosy ireo safidim-boaloboka izay tonga hatrany Jazera ary niparitaka tany an'efitra. Ireo sampany niely teny ivelany, nandeha manerana ny ranomasina izy ireo.
[9]Dia hitomany miaraka amin'i Jazera ho an'ireo voalobok'i Sibma tokoa aho. Hanondraka anao amin'ireo ranomasiko aho, ry Hesbona, sy Elale. Fa teo amin'ireo sahan'ny voa lohataona sy ny fijinjana no namaranako ireo hiakam-pifaliana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Noesorina tamin'ny alan'ny hazo fihinam-boa ny fifaliana sy firavoaravoana; ary tsy misy hira na hiaka ao amin'ny tanim-boaloboka. Tsy hisy na iza na iza hanitsaka divay ao amin'ny famiazana, fa efa natsahatro ireo hiakan'ny iray izay manitsaka.
[11]Ka misento tahaka ny harpa ho an'i Moaba ny foko, ary ny ao anatiko ho an'i Kira Hareseta.[12]Rehefa mampiakanjo ny tenany any amin'ny toerana avo i Moaba ka miditra ny tempoliny mba hivavaka, dia tsy hahatanteraka na inona na inona ny vavany.
[13]Izany no teny izay notenenin'i Yaveh mahakasika an'i Moaba teo aloha.[14]Miteny indray Yaveh hoe: "Anatin'ny telo taona, dia hanjavona ny voninahitr'i Moaba, na dia maro aza ireo olony, dia ho vitsy ireo sisa tavela ary tsy hisy dikany."

17 [1]Fanambarana momba an'i Damaskosy.[2]Hafoy ireo tanànan'i Aroera. Ho toerana handrian'ny biby fiompy ireny, ary tsy hisy hampitahotra azy ireo.[3]Hanjavona tsy ho ao Efraima, ilay fanjakana avy any Damaskosy, ary ilay sisa tavelan'i Arama ireo tanàna voaaro—ho tahaka ny voninahitry ny vahoakan'Israely ireo—izany no fanambaran'i Yaveh tompon'ny maro.
[4]Ary amin'izany andro izany dia ho bitika ny voninahitr'i Jakoba, ary hanjary hahia ny fahatavezan'ny nofony.[5]Ho takaka ny amin'ny fanangonan'ny mpinjinja ny vary an-tahony izany, ary ny sandriny mijinja ny salohim-bary. Ho tahaka ny amin'ny fanotazan'ny olona iray ny salohim-bary eny amin'ny Lohasahan'ny Refaima izany.
[6]Hisy sisa voaagona ho tavela, kanefa, ho tahaka ny amin'ny fihozongozonan'ny hazon'oliva: misy oliva roa na telo eo amin'ny rantsany ambony indrindra, efatra na dimy eo amin'ny sampany avo indrindra amin'ny hazo mamoa—izany no fanambaran'i Yaveh, Andriamanitr'Israely.[7]Amin'izany andro izany dia hitodika amin'ny Mpahary azy ny olona, ary ny masony hijery ny Iray Masin'Israely.
[8]Tsy hijery ny alitara izy ireo, izay asan'ny tanan'izy ireo, na hijery izay nataon'ny ratsan-tanany, dia ny baon'Aseraha na ireo sary masoandro.[9]Amin'izany andro izany dia ho tahaka ny bao hazo nafoy eny amin'ny tendron'ny havoana ny tanàna mafy orin'izy ireo, izay nafoy noho ireo vahoakan'Israely ary hanjary ho lao izany.
[10]Fa nanadino ny Andriamanitry ny famonjenareo ianareo, ary nodianareo fanina ny vatolampin'ny herinareo. Koa mamboly zava-maniry mahafinaritra ianareo, ary mametraka tahom-boaloboka voaray avy tamin'ny vahiny,[11]amin'ny andro hambolenareo, sy hamefenareo, sy hampanirianareo. Tsy ho ela dia haniry ny voanareo, saingy tsy hahavanona ny vokatrareo amin'ny andro fahoriana sy alahelo mafy.
[12]Loza! Ny fikomian'ny olona maro, izany mierona tahaka ny fieron'ny ranomasina, ary ny fisafoaky ny firenena, izay mifaoka tahaka ny fipaokan'ny rano mahery![13]Hierona tahaka ny fipaokan'ny rano maro ireo firenena, saingy hibedy azy ireo mafy Andriamanitra. Handositra lavitra izy ireo ary hazaina tahaka ny ahi-dratsy tsofin'ny rivotra eny amin'ny tendrombohitra, ary tahaka ny ahi-drasty ahodikodin'ny tafiotra.[14]Amin'ny hariva, indro, ny horohoro! Mialohan'ny maraina dia ho dify ireo! Izany no anjaran'ireo izay mambabo antsika, ny amboaran'ireo izay mandroba antsika.

18 [1]Loza ho an'ny tanin'ny fibitsibitsihin'ireo elatra, izay miaraka amin'ireo onin'ny Etopia;[2]izay nandefa masoivoho amin'ny ranomasina, ao anaty fanaka taratasy papirosy eny amin'ny rano. Mandehana, ianareo ry iraka haingam-pandeha, any amin'ny firenena lava sy malama, any amin'ny olona matahotra lavitra sy akaiky, firenena matanjaka sy manosihosy, izay nozarai'ny ony ny taniny.
[3]Ianareo mponina rehetra eto amin'izao tontolo izao sy ianareo izay monina eto an-tany, rehefa niainga eo an-tampon-tendrombohitra ny fanairana, mijere, ary rehefa tsofina ny trompetra, mihainoa.
[4]Izao no nambaran'i Yaveh tamiko, "Handinika moramora avy eny amin'ny tranoko Aho, toy ny fipoakan'ny hafanana eny amin'ny masoandro, toy ny zavon'ny rahona amin'ny hafanan'ny fijinjana.[5]Mialohan'ny fijinjana, rehefa tapitra mamelana ny, ary ny voninkazo dia mamoa ho voaloboka, handrantsana ireo voniny amin'ny fanetezam-boaloboka izy, ary hokapainy sy ho entiny ireo rantsana voaely.
[6]Havela ho an'ny voron'ny tendrombohitra sy ireo biby eny ambonin'ny tany koa izy ireo. Handany fahavaratra amin'izy ireo ny vorona, ary ireo biby manan'aina rehetra dia handany ririnina amin'izy ireo."[7]Amin'izany fotoana izany dia hisy fanomezam-boninahitra an'i Yaveh Tompon'ny maro avy amin'ireo vahoaka lava sy malama, avy amin'ny vahoaka natahotra alavitra sy akaiky, firenena matanjaka sy voahitsaka, ireo izay nosarahan'ny ony ny taniny, ao amin'ny toeran'ny anaran'i Yaveh Tompon'ny maro, hatrany amin'ny tendrombohitra Ziona.

19 [1]Fanambarana momba an'i Egypta. Indro, Yaveh mitaingina rahona haingam-pandeha ka ho avy any Egypta; mihovitrovitra eo anatrehany ireo sampin'i Egypta, ary dia ketraka anaty ny fon'ireo Egyptiana.[2]"Hamporisihiko hiady ireo Egyptiana samy Egyptiana: lehilahy iray hiady amin'ny rahalahiny, ary lehilahy iray hanohitra ny namany; tanàna hanohitra tanàna, ary fanjakana hanohitra fanjakana.
[3]Ho ketraka anaty ny fanahin'i Egypta. Ho potehiko ny toroheviny, na dia nitady ny hevitr'ireo sampy, sy fanahin'olo-maty, sy mpahita ny ho avy, ary mpanao sikidy aza izy ireo.[4]Hatolotro eo an-tanan'ny tompo masiaka ireo Egyptiana, ary mpanjaka matanjaka no hanapaka eo amin'izy ireo_ izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh tompon'ny maro."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Ho ritra ny ranon'ny ranomasina, ary ho ritra ny ony ka ho foana.[6]Ho tonga maloto ireo renirano; hihena ny riak'i Egypta ka ho ritra; ny volotara sy ny zozoro halazo.
[7]Ireo volotara amoron'i Neily, amoron'ny vavan'i Neily, sy ireo tanim-bolin'i Neily rehetra dia ho kina, hanjary vovoka, ka ho voatsoka.[8]Hidradradradra sy hisaona ireo mpanjono, ary izay rehetra manipy ny fintany ao amin'i Neily hisaona, ary izay mamelatra ny haratony ao amin'ny rano halahelo.
[9]Ireo mpiasa amin'ny bangon-drongony sy izay manenona lamba hiova ho hatsatra.[10]Ho voatorotoro ireo mpanao lamban'i Egypta; ireo rehetra miasa amin'ny fikaramana halahelo anaty.
[11]Adala tanteraka ireo andrian'i Zoana. Ny torohevitr'ireo mpanolotsaina hendry indrindran'i Farao miova ho tsy misy dikany. Ahoana no hitenenanao amin'i Farao hoe: "Izaho no zanaka lahin'ireo olon-kendry, zanaka mpanjaka fahiny?"[12]Koa aiza ary izay olon-kendrinao eo? Aoka izy ireo hilaza aminao ka hampahafantatra izay kasain'i Yaveh Tompon'ny maro mahakasika an'i Egypta.
[13]Efa adala ny andrian'i Zoana, voafitaka ireo andrian'i Memfisa; efa nanao an'i Egypta handeha amin'ny lalan-diso izy ireo, izay fehizoron'ireo fokony. [1] [14]Yaveh efa nampifangaro fanahin'ny fifandroritana teo anivony, ary izy ireo efa nitarika an'i Egypta tamin'ny lalan-tsy izy amin'izay ataony rehetra, tahaka ny mamo mivembena amin'ny naloany.[15]Tsy misy na inona na inona azon'ny olona atao intsony ho an'i Egypta, na ny loha na ny rambo, na ny rantsan-drofia na ny volotara.
[16]Amin'izany andro izany, ireo Egyptiana ho tahakan'ny vehivavy. Hihorohoro sy hatahotra izy ireo noho ny fisandratry ny tanan'i Yaveh Tompon'ny maro izay atsangany eo amin'izy ireo.[17]Ho tonga anton'ny fivemben'i Egypta ny tanin'ny Joda. Na rahoviana na rahoviana misy olona hampahatsiahy azy ireo Azy, dia hatahotra izy ireo, noho ny fikasan'i Yaveh, izay rafetiny hanohitra azy ireo.
[18]Amin'izany andro izany dia hisy tanàna dimy ao amin'ny tany Egypta izay hiteny ny fitenin'i Kanàna ary hianiana fankatoavana amin'i Yaveh Tompon'ny maro. Iray amin'ireo tanàna ireo ho antsoina hoe Ilay Tanànan'ny Masoandro. [2]
[19]Amin'izany andro izany dia hisy alitara ho an'i Yaveh eo afovoan'ny tany Egypta, ary tsangam-bato ho an'i Yaveh eo amin'ny sisiny.[20]Izany dia ho famantarana sy vavolombelona ho an'i Yaveh Tompon'ny maro ao amin'ny tany Egypta. Rehefa mitomany an'i Yaveh noho ireo mpampahory izy ireo, dia handefa mpanavotra sy mpiaro ho azy ireo Izy, ary hanafaka azy ireo.
[21]Ho tonga fantatr'i Egypta i Yaveh, ary hahalala an'i Yaveh ireo Egyptiana amin'izany andro izany. Hanompo amin'ny sorona sy fanatitra izy ireo, ary hanao voady amin'i Yaveh izy ireo ka hanatanteraka ireo.[22]Hampahory an'i Egypta i Yaveh, mampahory ary manasitrana. Hiverina amin'i Yaveh izy ireo; hihaino ny vavak'izy ireo Izy ka hanasitrana azy ireo.
[23]Amin'izany andro izany dia hisy lalam-be hantrany Egypta ka hatrany Asyria, ka ho tonga any Egypta ny Asyriana, ary ny Egyptiana any Asyria; ary hanompo miaraka amin'ireo Asyriana ireo Egyptiana.
[24]Amin'izany andro izany, Israely no ho fahatelo amin'i Egypta sy Asyria, fitahiana iray eo afovoan'ny tany;[25]hitahy azy ireo Yaveh Tompon'ny maro ka hiteny hoe: "Hotahiana anie Egypta, vahoakako; i Asyria, asan'ny tanako; ary Israely, lovako."

---

[1]Fanamarihana: raha toa ka "Memfisa", ireo dikan-teny sasany manao hoe "Nofa", anarana Hebreo ho an'io tanàna any Egypta io ihany.
[2]Fanamarihana: Raha toa ka "Ilay Tanànan'ny Masoandro" izay angamba manondro an'i Helopolisy tanànan'ny Egyptiana. Ireo dikan-teny sasany taloha sy taty aoriana manao hoe "Ilay Tanànan'ny Faharavana".

---

20 [1]Tamin'ny taona nahatongavan'i Tartana tao Asdoda, rehefa naniraka azy i Sargona mpanjakan'i Asiria, dia niady tamin'i Asdoda izy ary naka izany.[2]Tamin'izany fotoana izany i Yaveh dia niresaka tamin'Isaia zanaka lahin'i Amoza ary niteny hoe: "Mandehana ary esory ny lamba fisaonana eny amin'ny andilanao sy ny kapa eny an-tongotrao." Koa nataony izany, nandeha nitanjaka sy tsy nanao kapa.
[3]Hoy Yaveh hoe: "Tahaka ny nandehanan'Isaia nitanjaka sy tsy nanao kapa nandritry ny telo taona, dia famantarana sy fambara mahakasika an'i Egypta sy mahakasika an'i Etiopia izany—[4]amin'izany fomba izany no hitarihan'ny mpanjakan'i Asyria ireo babon'i Egypta, sy ireo sesi-tanin'i Etiopia, tanora sy antitra, mitanjaka sy tsy manao kapa, ary miaraka amin'ny vody tsy mirakotra, ho amin'ny fahamenaran'i Egypta.
[5]Hatahotra sy ho menatra izy ireo, satria nalain'i Etiopia ny fanantenan'izy ireo ary nalain'i Egypta ny voninahitr'izy ireo.
[6]Amin'izany andro izany ny mponin'ireo sisin-tany ireo dia hilaza hoe: 'Loharan'ny fanantenanay tokoa izany, izay nandosiranay mba hila fanampiana ho voaavotra amin'ny mpanjakan'i Asyria, ary ankehitriny, ahoana no afahanay mandositra?'"

21 [1]Fanambarana momban'ny tany efitra amoron-dranomasina. Tahaka ny tadio mamakivaky an'i Negeva no hiavian'izany mandalo avy any an'efitra, avy any amin'ny tany loza.[2]Fahitana mahatsiravina no nomena ahy: ilay lehilahy mpamitaka dia namitaka, ary ny mpandrava dia nandrava. Miakara ary tafio, ry Elama; ataovy fahirano, ry Mediana; hampitsahatra ny tarainany rehetra Aho.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Noho izany dia feno fanaintainana ny valahako; fanaintainana tahaka ny fanaintainan'ny vehivavy miteraka no namatotra ahy; niankohoka noho ilay zavatra reko aho; nikorontana tamin'ny zavatra hitako aho.[4]Torotoro ny foko, mangovitry ny tahotra aho. Ny hariva, fotoana ankafiziko anatin'ny andro, dia nitondra horohoro ho ahy.
[5]Nanomana ny latabatra izy ireo, novelarin'izy ireo ny lamba firakotra ka nihinana sy nisotro; mitsangàna, ry andriandahy, osory diloilo ny ampinganareo.
[6]Fa izao no nolazain'ny Tompo tamiko hoe: "Mandehana, mametraha lehilahy mpiambina iray; tsy maintsy mitatitra izay hitany izy.[7]Rehefa mahita kalesy, mpitaingi-tsoavaly roa, mpitaingina boriky, ary mpitaingina kamela izy, dia tokony handinika sy ho mailomailo."
[8]Nitaraina ilay lehilahy mpiambina hoe: [1]"Ry Tompo, teo amin'ny tilikambo fihambenana aho dia nijoro nandritry ny iray andro tontolo, isan'andro, ary teo amin'ny toeram-pitiliko no nijoroko nandritry ny alina manontolo."[9]Indro tamy ny kalesy iray miaraka amin'ny lehilahy iray sy mpitaingin-tsovaly roa. Niantso mafy izy nanao hoe: "Efa rava Babylona, rava, ary ireo sary vongan'ny andriamaniny rehetra dia potika amin'ny tany."
[10]Ry novelesina sy nosivaniko, zanaky ny trano fitotom-bariko! Izay reko tamin'i Yaveh tompon'ny maro, ilay Andriamanitr'Israely, efa nambarako taminareo.
[11]Fanambarana momban'i Edoma. Nisy iray niantso ahy avy any Seira hoe: "Ry mpiambina, rahoviana no hifarana ny alina? Ry mpiambina, rahoviana no hifarana ny alina?[12]Hoy ilay mpiambina hoe: "Ho avy ny maraina ary ny alina ihany koa. Raha maniry ny anontany ianao, dia manontania; ary miverena indray."
[13]Fanambarana momban'i Arabia. Any amin'ny tany efitr'i Arabia no andanianareo ny alina, ry andian-Dedanita.
[14]Mitondrà rano ho an'ny mangetaheta; ry mponina ao amin'ny tanin'i Tema, tsenao amin'ny mofo ireo mpitsoaha-ponenana.[15]Fa izy ireo dia nandositra ny sabatra, tamin'ny sabatra voarendrika, tamin'ny tsipika voahenjana, ary tamin'ny vesatry ny ady.
[16]Fa izao no nolazain'ny Tompo tamiko hoe: "Ao anatin'ny taona iray, tahaka ny hitan'ny mpiasa tany nokaramaina mandritry ny taona, dia hifarana ny voninahitr'i Kedara rehetra.[17]Mpandefa tsipíka, lehilahy mpiadin'i Kedara vitsy sisa no ho tavela," satria Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, no efa niteny.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe "Niantso mafy izy" dia ny sasany amin'ireo dika-teny taloha manao hoe: "Nisy liona niantso mafy"

---

22 [1]Fanambarana mahakasika ny Lohasahan'ny Fahitana: Inona no antony nandehananareo rehetra ho any amin'ireo tampon-trano?[2]Ny mba hahenonareo ny tanàna feno tabataba ve, tanàna izay feno firavoravoana? Ny maty eo aminao dia tsy matin'ny sabatra, ary tsy maty tamin'ny ady izy ireo.
[3]Ireo mpanapaka anao rehetra niara-nitsoaka, fa voababo tsy nampiasana zana-tsipika izy ireo; izy rehetra dia voababo niaraka, na dia nandositra lavitra aza izy ireo.[4]Noho izany dia hoy aho hoe: "Aza mijery ahy, fa hitomany mafy dia mafy aho; aza miezaka hampionona ahy mahakasika ny faharavan'ny zanaka vavin'ny oloko."
[5]Fa misy ny andron'ny tabataba, fanosihosena, ary fifanjevoana ho an'ny Tompo Yaveh Tompon'ny maro, ao amin'ny Lohasahan'ny Fahitana, faharavan'ireo mandà, ary ny olona miantsoantso mafy any amin'ireo tendrombohitra.[6]Elama naka ny tranon-jana-tsìpaka, niaraka tamin'ny kalesin'ireo lehilahy sy ireo mpitaingin-tsoavaly ary Kira nanala ny fonon'ny ampinga.[7]Fa ireo lohasaha izay nofidinao indrindra dia ho feno kalesy, ary ireo mpitaingin-tsoavaly dia haka ny toerany eo am-bavahady.
[8]Nanala ny fiarovan'i Joda Izy; ary tamin'izany andro izany ianao dia nijery ireo fitaovam-piadina eo amin'ny Lapan'ny Ala.[9]Nahita ny bangan'ny tanànan'i Davida ianareo, fa maro ireo, ary nanangona ny ranon'ny dobo ambany ianareo.
[10]Nanisa ny ankohonan'i Jerosalema ianareo, ary nandrodana ireo trano mba hanamafisana ny mànda.[11]Namboatra fitahirizana teo anelanelan'ireo mànda roa ianareo ho an'ny ranon'ny dobo tranainy. Fa tsy mba nihevitra ny mpamorona ny tanàna ianareo, izay nanomana izany hatry ny ela.
[12]Tamin'izany andro izany ny Tompo Yaveh Tompon'ny maro niantso fitomaniana, fisaonana, fiaratan-doha, ary fanaovana akanjo fisaonana.[13]Fa indro, kosa, ny fankalazana sy ny fifaliana, ny famonoan'omby sy ny famonoan'ondry, fihinan-kena sy fisotroan-divay; aoka isika hisotro sy hihinana, fa ho faty isika rahampitso.[14]Izao no nambaran'i Yaveh Tompon'ny maro teo an-tsofiko: "Eny tokoa fa tsy havela izany helokareo izany, eny fa na dia ho faty aza ianareo," hoy ny Tompo Yaveh Tompon'ny maro.
[15]Ny Tompo Yaveh Tompon'ny maro, nilaza izao: "Mandehana mankany amin'ny mpitandrin-draharaha, any amin'i Sebna, izay manapaka ny trano, ary lazao hoe:[16]'Inona no ataonao eto ary iza no nanome alalana anao handavaka fasana ho an'ny tenanao, hanamboatra fasana eny ambony sy handavaka toerana fialana sasatra eny amin'ny vatolampy?'"
[17]Indro, Yaveh efa hanipy anao, ry lehilahy mahery, hanipy anao ho ambany; hanitsakitsaka anao mafy tokoa Izy.
[18]Hanakodiadia anao tokoa Izy, ary hampisamboaravoara anao ho toy ny baolina makany amin'ny tany malalaka. Any no hahafatesanao, ary ho any koa ireo kalesin'ny voninahitrao; ho tonga henatra ho an'ny tompon'ny tranonao ianao!'[19]"Ho roahiko hiala eo amin'ny raharahanao sy ny toeranao ianao. Haongana ianao.
[20]Amin'izany andro izany Aho dia hiantso an'i Eliakima mpanompoko zanaka lahin'i Hilkia.[21]Hampiakanjoako amin'ny akanjo lavanao izy ary hasiako ny fehin-kibonao, ary hafindrako ho eo an-tanany ny fahefanao. Ho rain'ny mponin'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Jerosalema sy ny ankohonan'ny Joda izy.[22]Hapetrako eo an-tsadriny ny fanalahidin'ny ankohonan'ny Davida; hamoha izy, ary tsy hisy hanidy; hanidy izy, ary tsy hisy hamoha.
[23]Hampitoeriko izy, toy ny fihantonan-javatra amin'ny toerana azo antoka, ary ho tonga toeram-boninahitra ho an'ny ankohonan-drainy izy.[24]Hahanton'izy ireo aminy ny voninahitry ny ankohonan-drainy rehetra, ny zanany sy ireo taranany, ny fanaka bitika rehetra avy amin'ireo kapoaka hatramin'ny tavoara rehetra.
[25]Amin'izany andro izany_ izao no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro_ ho esorina ilay fihantonan-javatra amin'ny toerana mafy orina, ho potehina ary ho lavo, ary ny lanja amin'izany dia ho tapahina_ fa Yaveh no niteny.

23 [1]Ny fanambarana momba an'i Tyro: Midradradradrà, ianareo ry sambon'i Tarsisy; fa tsy misy na trano na seranana; avy tao amin'ny tanin'i Sipra no nanambarana izany tamin'izy ireo. [1][2]Mangìna, ianareo ry mponin'ny morontsiraka; fa ny mpivarotra ao Sidona, izay miatsambo amin'ny ranomasina, dia efa nameno anareo. [2][3]Teo ambonin'ireo rano lehibe no nisy ny varin'i Sihora, ny vokatr'i Neily no vokany; ka tonga varotra ho an'ireo firenena izany.
[4]Aoka ho menatra, ry Sidona; fa efa niteny ny ranomasina, dia ilay mahery amin'ny ranomasina. Hoy izy: "Tsy mbola nihetsi-jaza aho na niteraka, na nanangana zatovolahy na nitaiza zatovovavy."[5]Ka rehefa tonga any Egypta ny tatitra, dia halahelo mahakasika an'i Tyro izy ireo.
[6]Miampità an'i Tarsisy; midradradradrà, ianareo ry mponin'ny morontsiraka.[7]Moa ve nitranga taminao izany, ry tanàna faly, izay avy amin'ireo fotoana taloha no niandohany, izay nentin'ny tongony lavitra any amin'ireo toerana vahiny mba hitoerana?
[8]Iza no nikasa izany hanoherana an'i Tyro, ilay mpanome ireo satro-boninahitra, izay ny mpivarotra dia andrian-dahy, izay ny mpanakalo dia ireo olona manam-boninahitra amin'ny tany?[9]Yaveh Tompon'ny maro efa nikasa izany mba hanala baraka ny fiavonavonany sy ny voninahiny rehetra, mba hampamenatra ireo olony manam-boninahitra rehetra amin'ny tany.
[10]Asao ny taninao, tahaka ny iasan'ny olona an'i Neily, ry zanakavavin'i Tarsisy. Tsy misy tsena intsony ao Tyro. [3][11]Efa naninjitra ny tanany teo ambonin'ny ranomasina Yaveh, ary efa nanozongozona ireo fanjakana Izy; efa nanome baiko nahakasika an'i Fenisia, mba handrava ireo fiarovana mafy Izy.[12]Hoy Izy: "Tsy hifaly intsony ianao, ry virijiny ory zanakavavin'i Sidona; mitsangàna; miampità ho any Sipra; nefa na dia any aza dia tsy hanam-pitsaharana ianao."
[13]Jereo ny tanin'ireo Kaldeana. Efa tsy nisy intsony ireo vahoaka tao; efa nanao izany ho efitra ho an'ireo bibidia ireo Asyriana. Efa nanangana ireo tilikambony izy ireo; noravainy ireo lapan'izany; nataony ho antontam-paharavana izany.
[14]Midradradradrà, ianareo ry sambon'i Tarsisy; fa efa noravana ny fialofanareo.
[15]Amin'izany andro izany, dia ho adino mandritra ny fito taona i Tyro, tahaka ireo andron'ny mpanjaka. Aorian'ny faran'ny fito taona dia hisy zavatra tahaka ny ao amin'ny hiran'ny mpijangajanga hitranga ao Tyro.[16]Makà harpa, mandehandehana any amin'ny tanàna, ianao ry mpijangajanga nohadinoina; tendreo tsara izany, mihirà hira maro, mba ho tsaroana ianao.
[17]Ary aorian'ny fito taona, dia hamonjy an'i Tyro Yaveh, ka hanomboka hitady vola amin'ny fanaovana ny asan'ny mpijangajanga indray izy, ary hiasa ho an'ny fanjakan'ny tany rehetra.[18]Hatokana ho an'i Yaveh ny tombony sy ny fananany. Tsy ho tehirizina na ho angonina ao amin'ny firaiketana ireo, fa ny tombony dia homena ireo izay mitoetra eo amin'ny fanatrehan'i Yaveh ary ho ampiasaina mba hamatsy azy ireo amin'ny sakafo tondraka sy mba ahafahan'izy ireo mahazo ny akanjo tsara kalitao indrindra.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Sipra", ireo dikan-teny sasany vaovao mitazona hoe "Kitima", anarana hebreo ho an'izany nosy izany.
[2]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taloha sy ankehitriny manao hoe:"Mangìna, ianareo ry mponin'ny morontsiraka, dia ireo mpivarotra ao Sidona, izay miatsambo ambonin'ny ranomasina, dia efa nameno anareo" na "Mangìna, ianareo ry mponin'ny moron-tsiraka sy ianareo mpivarotra ao Sidona izay nofenoin'ireo izay miatsambo ambonin'ny ranomasina'"
[3]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Asao ny taninao", ireo dikan-teny sasany manao hoe: Mamakivakia ny taninao" na "Ataovy tondraka ny taninao".

---

24 [1]Indro, hanafoana ny tany Yaveh, handrava izany, hahalao azy ary hampiely ireo mponiny.[2]Ho tahaka izany no ho an'ireo mponina, ny mpisorona; ny mpanompo, ny tompony, mpiasa an-trano; ny tompovaviny, ny mpividy, ny mpivarotra; ny mpanome trosa, ny mpitrosa; ny mpandray tombontsoa, ary ny mpanome tombontsoa.
[3]Ho rava tanteraka ny tany ary ho foanana tanteraka; satria Yaveh no efa niteny izany teny izany.[4]Maina sy malazo ny tany, milofika sy malazo izao tontolo izao, mihaosa ny olona malazan'ny tany.[5]Maloto amin'ny alalan'ireo mponiny ny tany satria efa nandika lalàna, nanota ny didy, ary nivadika tamin'ny fanekena maharitra mandrakizay izy ireo.
[6]Noho izany dia mandevona ny tany ny ozona, ary meloka ireo mponiny. May ireo mponin'ny tany, ary vitsy sisa no tavela.[7]Maina ireo divay vaovao, malazo ny voaloboka, misento avokoa ireo faly am-po.
[8]Mitsahatra ny feo mandrotsirotsin'ny ampongatapaka, sy ny fitabataban'ireo mifaly; mitsahatra ny fifaliana amin-dokanga.[9]Tsy misotro divay na mihira intsony izy ireo, ary ny toaka dia mangidy ho an'ireo izay misotro izany.
[10]Rava ny tanànan'ny fikorontanana; mihidy sy foana avokoa ireo trano rehetra.[11]Misy tabataba noho'ny divay eny an-dalambe; maizina ny haravoana, nanjavona ny fifaliana.
[12]Faharavana sisa no eo amin'ny tanàna, ary ny vavahady dia potika.[13]Fa toy izany no ho amin'ny tany rehetra eo amin'ny firenena, tahaka ny hazo oliva voakapoka, tahaka ny fitsimponam-boaloboka rehefa vita ny fiotazana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Hanandratra ny feony sy hiantso ny voninahitr'Andriamanitra, ary hihiaka am-pifaliana avy amin'ny ranomasina izy ireo.[15]Noho izany dia mankalazà an'i Yaveh any atsinanana, manomeza voninahitra ny anaran'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely ao amin'ireo nosy.
[16]Hatrany am-paran'ny tany no nandrenesanay hira hoe: "Voninahitra anie ho an'ilay marina!" Fa hoy aho hoe: "Efa nihaosa aho, efa nihaosa aho, indrisy! Ny mpamitaka dia nitondra am-pitaka; eny, ny mpamitaka dia tena nitondra am-pitaka tokoa."
[17]Aminareo ny tahotra, ny lavaka, ary ny fandrika, ry mponin'ny tany.[18]Izy izay mandositra ny feon'ny fampihorohoroana dia ho latsaka ao an-davaka, ary izy izay miakatra avy ao an-davaka dia ho azon'ny fandrika. Hisokatra ny varavaran'ny lanitra, ary ireo fanorenan'ny tany dia hiozongozona.
[19]Ho rava tanteraka ny tany, hitresaka ny tany; hiozongozona mafy ny tany.[20]Hivembena tahaka ny olona mamo ny tany ary hitsingevaeva tahaka ny trano bongo izany. Hivesatra amin'izany ny fahotany ary hianjera izany ka tsy hiarina intsony.
[21]Ary amin'izany andro izany dia hanasazy ny miaramilan'ilay avo any ambony, sy ireo mpanjakan'ny tany ety an-tany i Yaveh.[22]Hatambatra izy ireo, gadra ao an-davaka, ary hangina ao am-ponja; ary afaka andro maromaro dia ho voasazy izy ireo.[23]Ary dia ho menatra ny volana, ary ho afa-baraka ny masoandro, satria hanjaka amim-boninahitra ao an-tendrombohitr'i Ziona sy ao Jerosalema, ary manoloana ireo zokiolony i Yaveh tompon'ny maro.

25 [1]Ry Yaveh, Andriamanitro ianao; hanandratra anao Aho, hidera ny anaranao Aho; fa efa nanao zava-mahagaga ianao, zavatra efa nomanina ela, am-pahatokisana tanteraka.[2]Fa efa nataona ho korotam-bato ny tanàna, ary ny tanàna voaro mafy, ho faharavana, ary ny fiarovana mafy ireo vahiny tsy ho tanàna.[3]Ka dia hanome voninahitra anao ireo olona mahery; hatahotra anao ny tanànan'ny ireo firenena feno herisetra.
[4]Fa fitoerana fiarovana ho an'ny olona mahantra ianao, fialofana ho an'izay ory ao amin'ny fahoriany_fialofana amin'ny tafio-drivotra sy alokaloka amin'ny hafanana. Raha toy ny tafio-drivotra hanohitra ny rindrina ny fofonain'ireo masiaka,
[5]ary toy ny hafanana amin'ny tany maina, no nandresenao ny tabataban'ireo vahiny, tahaka ny haresen'ny aloky ny rahona ny hafanana dia toy izany koa no hamaliana ny hiran'ireo masiaka.
[6]Eto amin'ity tendrombohitra ity no hanaovan'i Yaveh Tompon'ny maro fanasana amin'ireo zavatra matavy, amin'ny divay maro karazany, amin'ny laoka be tsoka, fanasana amin'ny divay efa niotrika ela ho an'ny vahoaka rehetra.
[7]Horavaina eto amin'ity tendrombohitra ity ny fandrakofana eo amin'ny vahoaka rehetra, ny tranokala tenona eo amin'ny firenena rehetra.[8]Hateliny mandrakizay ny fahafatesana, ary Yaveh Tompo hamafa ny ranomaso amin'ireo tava rehetra, hoesorina amin'ny tany rehetra ny fahafaham-barakan'ny olony, fa Yaveh no efa niteny izany.
[9]Ary holazaina amin'izany andro izany hoe: "Indro, ity no Andriamanintsika; efa niandry azy isika, ary izy hamonjy antsika. Izy no Yaveh, efa niandry azy isika, hifaly sy hiravo ny amin'ny famonjeny isika."[10]Fa eto amin'ity tendrombohitra ity no hitsaharan'ny tanan'i Yaveh; ary Moaba ho voahitsakitsaka amin'ny toerany, na dia voahitsakitsaka ao an-davaka feno zezika aza ny maloto.
[11]Namelatra ny tanan'izy ireo teo afovoan'izany izy ireo, toy ny famelatry ny mpilomano ny tanany rehefa milomano, Fa Yaveh hampietry ny avonavon'izy ireo na dia eo aza ny hakingan'ny tanan'izy ireo.[12]Ny manda avo fiarovanao dia haetriny amin'ny tany, ho eo amin'ny amin'ny vovoka.

26 [1]Amin'izany andro izany ity hira ity no hiraina any amin'ny tanin'ny Joda: Manana tanàna mafy izahay; Andriamanitra efa nanao ny famonjena ho rindrin'izany sy tovon-tany fiarovany.[2]Voahy ny vavahady, mba ahafahan'ny firenena marina izay mihazona finoana miditra ao.
[3]Ny saina izay mitoetra ao aminao, hotehirizinao amin'ny fiadanana tanteraka izy, satria mitoky aminao;[4]Matokia an'i Yaveh mandrakariva; fa ao amin'i Yah, Yaveh, no vatolampy tsy manam-pahataperana.
[5]Fa hanetry ireo izay miaina amim-piavonavonana Izy; ny tanàna mimanda harodany, Harodany amin'ny tany; fisahany eny amin'ny vovoka izany.[6]Ho voahitsaky ny tongotry ny mahantra sy ny dian'ny ory izany.
[7]Voaravona ny lalan'ny olo-marina, Ilay Marina; ny lalan'ny marina ahitsinao.[8]Eny, amin'ny lalan'ny fitsaranao, ry Yaveh, no iandrasanay Anao; ny Anaranao sy ny lazanao no fanirianay.[9]Manina Anao aho nony alina; eny, mitady Anao fatratra ny fanahy ato amiko. Fa rehefa tonga ety ambonin'ny tany ny fitsaranao, dia hahalala ny fahamarinana ny mponin'ny tany.
[10]Aoka haseho amin'ny ratsy fanahy ny sitraka, nefa tsy hahalala ny fahamarinana akory izy. Any amin'ny tanin'ny fahitsiana no hanehoany faharatsiana ka tsy mahita ny voninahitr'i Yaveh.
[11]Ry Yaveh, misandratra ny tananao kanefa tsy tsikaritr'izy ireo akory. Nefa ho hitan'izy ireo ny zotom-ponao amin'ny vahoaka ka halàna baraka, satria handevona azy ireo ny afon'ireo mpifanandrina aminao.[12]Ry Yaveh, hitondra fiadanana ho anay Ianao; fa indrindra, efa nahavita ireo asanay ho anay Ianao.
[13]Ry Yaveh Andriamanitray, tompo hafa maro ankoatra Anao no efa nanapaka teo aminay; nefa ny anaranao irery ihany no derainay.[14]Maty izy ireo, fa tsy mba ho velona; nodimandry izy ireo, fa tsy mba hitsangana. Tonga tamin'ny fitsarana tokoa Ianao ary nandringana azy ireny, ka nanafoana ny fahatsiarovana azy ireo rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Efa nampitombo ny firenena Ianao, ry Yaveh, efa nampitombo ny firenena Ianao; omem-boninahitra Ianao; efa nanitatra ireo faritry ny tany rehetra Ianao.
[16]Ry Yaveh, tamin'ny horohoro no nijeren'izy ireo Anao; nibitsika vavaka izy ireo rehefa tao amin'izy ireo ny fananaranao. [1] [17]Tahaka ny vehivavy bevohoka mby akaiky fotoana hiterahana, amin'ny fotoana mampihetsi-jaza azy ka mitaraina amin'ny fiterahany, dia tahaka izany koa izahay eo anoloanao, ry Tompo.
[18]Efa nitondra vohoka izahay, efa nihetsi-jaza izahay, nefa izany dia tahaka ny miteraka rivotra ihany. Mbola tsy nitondra famonjena tamin'ny tany izahay, ary mbola tsy potraka ireo mponin'ny tany.
[19]Hitsangana ny maty ao aminao; hitsangana ny fatin'izy ireo. Hifoha ka hihira fifaliana, ianao izay mitoetra amin'ny vovoka; fa ny andonao dia andom-pahazavana, ary ny tany hitondra avo efatra heny ireo maty ao aminy.
[20]Mandehana, ry vahoakako, midira any an'efitranonareo, ka hidio ireo varavaranareo; miafena ao anatin'ny fotoana vitsy, mandra-pahalasan'ny fahatezerana.[21]Fa, indro, Yaveh efa mby hiala avy ao amin'ny toerany mba hanasazy ny mponin'ny tany noho ny helok'izy ireo; hampiharihary ny fandatsahan-dràny ny tany, ary tsy hanafina intsony ny faty ao aminy.

---

[1]Fanamarihana: ity andininy sarotra ity dia manana dikan-teny maro samihafa amin'ireo dikan-teny taty aoriana.

---

27 [1]Amin'izany andro izany Yaveh dia hanafay ny Leviatana menarana tsy misy dikany, amin'ny sabany mafy, lehibe ary masiaka, ny menarana mitambolombolona, ary hamono ny biby mampatahotra izay ao anaty ranomasina.
[2]Amin'izany andro izany: ny tanim-boalokin'ny divay: hihira ny amin'izany.[3]"Izaho, Yaveh, Izaho no mpiaro izany; manondraka izany matetika Aho. Miambina izany andro sy alina Aho ka tsy hisy afaka hanimba izany.
[4]Endrey, tsy tezitra aho, na nisy ahitra sy tsilo aza! Handeha hanohitra azy ireo amin'ny ady Aho. Hodorako miaraka izy ireo;[5]raha tsy hoe mifikitra amin'ny fiarovako izy ireo ary mihavana amiko; aoka izy ireo hihavana amiko.
[6]Amin'ny andro ho avy, dia haka faka i Jakoba; hamony sy hitsimoka Israely; ary hameno manerana ny tany amin'ny voany izy ireo."
[7]Moa namely an'i Jakoba sy Israely tahaka ny namelezany ireo firenena izay namely azy ireo ve Yaveh? Moa ve novonoina tahaka ny famonoana ireo firenena izay novoinoin'izy ireo i Jakoba sy Israely?[8]Amin'ny refy marina izay efa nalahatrao, nandroahana an'i Israely sy Jakoba; noentiny tany alavitra miaraka amin'ny rivo-maheriny izy ireo, tamin'ny andron'ny rivotra antsinanana. [1]
[9]Ka noho izany, ho voahonitra amin'izany ny helok'i Jakoba, fa izao no ho vokatra rehetra tamin'ny nanesorana ny otany: rehefa hanao ireo alitara vato tahaka ny tsaoka izay voapotipotika izy, ary tsy hisy hitoetra hitsangana ny baon'Aseraha na ireo alitaran'ny ditin-kazo manitra.
[10]Fa ny tanàna namafisina dia ho lao, ny fonenana dia ho ngazana ary hafoy tahaka ny efitra. Ao no hamahanana ny zanak'omby, ary ao no handriany sy handevonany ireo rantsany.[11]Rehefa malazo ireo sampany, dia hotapaina izy ireo. Ho avy ny vehivavy ka handrehitra afo amin'izy ireo, fa tsy olon'ny fahazavan-tsaina ity. Koa, tsy hanana fangoraham-po amin'izy ireo ny Mpahary azy, ary izay nanao azy dia tsy hanana famindram-po amin'izy ireo.
[12]Amin'izany andro izany dia hisy fampihintsanana avy any amin'ny reniranon'i Eofrata ka hatrany amin'ny loasahan-driakan'i Egypta izay hataonao sy Yaveh, ry vahoakan'Israely, dia hangonona hiaraka tsirairay.[13]Amin'izany andro izany, dia hotsofina ny trompetra lehibe; ary ho avy izay rava avy any amin'ny tanin'i Asiria, sy izay voaroka tamin'ny tanin'ny Egypta, hanome voninahitra an'i Yaveh eny an-tendrombohitra masina any Jerosalema.

---

[1]Fanamarihana: Raha toa ka hoe "Amin'ny refy marina" ireo dikan-teny taty aoriana nahita hevitra mitovy amin'ny hoe: "Amin'ny alalan'ny fandroahana azy ireo".

---

28 [1]Lozan'ny satro-boninahitra voninkazo izay reharehan'ireo mpimamo ao Efraima, sy ny voninkazo malazon'ny hatsaràny be voninahitra, ilay satro-boninahitra izay apetraka eo an-dohan'ny lohasaha maitso mavan'ireo izay resin'ny divay![2]Indro, ny Tompo dia mandefa izay lehibe sy matanjaka; toy ny tafio-drivotr'avandra sy tafio-drivotra mandrava, toy ny orana mitarika sy rano manafotra; ary hanipy ny satro-boninahitra voninkazo tsirairay ho amin'ny tany Izy.
[3]Ho hitsakitsahina ambany tongotra ny voninkazo reharehan'ireo mpimamon'i Efraima.[4]Ny voninkazo malazon'ny hatsarany be voninahitra, izay eo an-dohan'ilay lohasaha lonaka, dia ho toy ny aviavy mialin-taona alohan'ny fahavaratra, izay, rehefa hitan'ny olona izany, raha eo an-tanany izany, dia arapany.
[5]Amin'izany andro izany Yaveh tompon'ny maro dia ho lasa satro-boninahitra tsara tarehy sy diademan'ny hatsaràna ho an'ireo sisa tavela amin'ny vahoakany,[6]fanahin'ny rariny ho azy izay mipetraka amin'ny fitsàrana, ary hery ho an'ireo izay mampiverina ireo fahavalony eo am-bavahadin'izy ireo.
[7]Fa na dia ireo aza dia midoladola amin'ny divay, ary mivembena amin'ny zava-pisotro mahery. Ny mpisorona sy ny mpaminany dia adoladolan'ny zava-pisotro mahery, ary atelin'ny divay izy ireo. Mivembena amin'ny zava-pisotro mahery izy ireo, mivembena amin'ny fahitana ary midoladola amin'ny fanapahan- kevitra.[8]Rakotra loa tokoa ny latabatra rehetra, koa tsy misy toerana madio.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Amin'iza no ho hampianarany fahalalana, ary amin'iza no hanazavany ilay hafatra? Amin'ireo izay vao nisara-nono ve?
[10]Fa baiko manampy baiko, baiko manampy baiko izany; fitsipika manampy fitsipika; fitsipika manampy fitsipika; kely eto, kely ery.
[11]Miaraka amin'ny molotra maniratsira sy fiteny vahiny tokoa no hiresahany amin'ity vahoaka ity.[12]Taloha Izy dia niteny tamin'izy ireo hoe: "Ity no fitsaharana, omeo fitsaharana izay reraka; ary ity no famelombelomana," fa tsy nihaino izy ireo.
[13]Koa ho baiko manampy baiko, baiko manampy baiko; fitsipika manampy fitsipika, fitsipika manampy fitsipika; kely eto, kely ery amin'izy ireo ny tenin'i Yaveh; mba handeha izy ireo ary hianjera, ary ho simba, voafandrika, ary voasambotra.
[14]Koa henoy ny tenin'i Yaveh, ianareo izay maniratsira, ianareo izay manapaka amin'ity vahoaka izay ao Jerosalema ity.
[15]Hitranga izany satria niteny ianareo hoe: "Nanao fanekena tamin'ny fahafatesana izahay, ary nanao fifanarahana tamin'ny Fiainan-tsy hita. Koa raha mandalo eo ny karavasy manafotra, dia tsy hahazo antsika izany. Satria isika nanao ny lainga ho arontsika, ary ny fitaka ho fiherentsika."
[16]Noho izany Tompo Yaveh dia milaza izao: "Indro: Hanorina fototra ao Ziona Aho, vato voasedra, vato fehizoro sarobidy, fototra azo antoka. Izay mino dia tsy ho menatra.
[17]Hataoko fitsipika ny fitsaràna, ary pilao ny fahamarinana. Hamafa ny fialofan'ireo lainga ny havandra, ary hanafotra ny toerana miafina ireo tondra- drano.
[18]Ho levona ny fanekenareo tamin'ny fahafatesana, ary tsy hijoro ny fifanarahanareo tamin'ny Fiainan-tsy hita. Rehefa mandalo ny tondra-drano misamboaravoara, dia ho difotr'izany ianareo.[19]Na oviana na oviana handalovan'izany, dia handifotra anareo izany, ary isa-maraina dia handalo izany ary ho avy andro aman'alina izany. Rehefa azo ilay hafatra, dia hampihorohoro izany.
[20]Fa foy loatra ny fandriana raha hitsoranan'ny olona, ary kely loatra ho azy ny firakofana raha handrakofana ny tenany."[21]Hitsangana toy ny Tendrombohitra Perazima i Yaveh; hanaitra ny tenany toy ny tany amin'ny Lohasahan'i Gibeona Izy mba hanao ny asany, ny asany tsy mahazatra.
[22]Noho izany ary dia aza maniratsira, raha tsy izany dia ho henjanina ny fatotrareo. Efa nandre lalàna famotehana eto an-tany tamin'i Tompo Yaveh tompon'ny maro aho.
[23]Mifantoha ka henoy ny feoko; mihainoa tsara ary henoy ny teniko.[24]Moa ve miasa tany fotsiny ny mpamboly izay miasa tany tontolo andro mba hamafy? Mitombon-doha mandrakariva sy mandravona bainga ny saha ve izy?
[25]Rehefa avy nanomana ilay tany izy, moa ve tsy manaparitaka ny voan'ny nigela, mamafy ny komina, mametraka ny vary tritika mitandahatra ary ny vary hordea amin'ny toerana voafaritra, ary ny ampemby eny amin'ny sisiny izy?
[1][26]Mampianatra azy ny Andriamaniny; mampianatra azy am-pahendrena Izy.
[27]Fanampin'izany, tsy velesina amin'ny vy ny nigela, na akodiadia amin'ny komina ny kodian'ny sarety; fa velesina amin'ny fantàka ny nigela, ary amin'ny hazo ny komina.[28]Kosohana atao mofo ny vary nefa tsy manify loatra, ary na dia manaparitaka izany aza ireo kodian'ny kalesiny sy ireo soavaliny, dia tsy manitsaka izany ireo soavaliny.
[29]Ireo koa dia avy amin'i Yaveh tompon'ny maro, izay mahafinaritra amin'ny fampianarana ary tsara dia tsara amin'ny fahendrena.

---

[1]Fanamarihana: Ny famantarana ny sasany amin'ireo zava-manitra ireo dia mampisalasala, koa manana dikan-teny isan-karazany ireo fandikàna. Ankoatr'izay, ireo dika-teny sasany dia manome fandikàna samihafa amin'ireto fomba fiteny izay adika ato ireto hoe: "mitandahatra" sy "amin'ny toerana voafaritra", satria tsy azo antoka tsara ireo amin'ny Hebreo.

---

29 [1]Lozan'i Ariela, Ariela, ilay tanàna nitobian'i Davida! Ampio taona ny taona; aoka hitsingeringerina ny andro firavoravoana.[2]Fa hanao fahirano an'i Ariela Aho, ka hisaona sy hitomany izy; ary ho tahaka an'i Ariela izy Amiko.
[3]Hitoby manodidina anao Aho sy hametraka fahirano hanemitra anao, ary hanangana manda hanohitra anao Aho.
[4]Haetry ianao ka hiteny eny amin'ny tany; ho ambany avy eny amin'ny vovoka ny teninao. Ho tahaka ny angatra mivoaka ao amin'ny tany ny feonao, ary ny teninao dia halefaka tokoa avy ao amin'ny vovoka.
[5]Ireo andian-jiolahy mpanafika anao dia ho tahaka ny vovoka madinika, ary maro amin'ireo izay masiaka no ho tahaka ny akofa izay levona. Hiseho tampoka izany, ao anatin'ny fotoana fohy.[6]Ho avy ao aminao miaraka amin'ny kotrok'orana, horohoron-tany, tabatabata be, miaraka amin'ny rivo-mahery sy tafio-drivotra, ary lelan'afo mandevona i Yaveh.
[7]Ho tahaka ny nofy, fahitana amin'ny alina izany: Ny andian-jiolahin'ny firenena rehetra hiady hanohitra an'i Ariela sy ny fiarovana mafiny. Hanafika azy izy ireo ary ny fanamafisany hanery azy.[8]Ho tahaka ny lehilahy noana izay manonofy mihinana, kanefa rehefa mifoha izy dia foana ny kibony. Ho tahaka ny olona mangetaheta izay manonofy misotro, kanefa rehefa mifoha izy dia reraka, sady tsy afaka hetaheta. Eny, ho toy izany ny firenena lehibe maro izay miady hanohitra ny Tendrombohitra Ziona.
[9]Ataovy talanjona ny tenanareo ka aoka ho talanjona; tampeno ny masonareo ka aoka ho jamba! Aoka ho mamo, kanefa tsy amin'ny divay; aoka hivembena, kanefa tsy amin'ny toaka.[10]Fa i Yaveh efa nandraraka ny fanahin'ny torimaso lalina tao aminareo. Efa nanirina ny masonareo Izy, ry mpaminany, ary efa nanarona ny lohanareo, ry mpahita.
[11]Ireo fanambarana rehetra taminareo dia efa tahaka ny soratra ao amin'ny boky izay voatombo-kase, izay mety homen'ny olona ilay iray izay nampianarina, ka hatao hoe: "Vakio ity." Izy koa dia manao hoe: "Tsy azoko atao, satria

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

voatombo-kase ity."[12]Raha omena ny iray izay tsy mahay mamaky ilay boky, ka hatao hoe: "Vakio ity," dia izy hanao hoe: "Tsy mahay mamaky aho."
[13]Ny Tompo nanao hoe: "Manatona Ahy amin'ny vavany ireo vahoaka ireo ary mankalaza ahy amin'ny molotr'izy ireo, kanefa lavitra Ahy ny fon'izy ireo. Ny fankalazan'izy ireo Ahy dia didin'ireo olona izay nampianarina ihany.[14]Noho izany, indro, hivoaka hanao zava-mahagaga eo amin'ireo vahoaka ireo Aho, fahagagana arahina fahagagana. Ho foana ny fahendren'ny olon-kendrin'izy ireo, ary hanjavona ny fahazavan-tsain'ny olo-malin'izy ireo."
[15]Lozan'ireo izay manafina lalina ny fikasany amin'i Yaveh, sy ireo izay miasa ao anaty haizina. Hoy izy ireo hoe: "Iza moa no mahita anay, ary iza no mahalala anay?"
[16]Mampitsimbadi-javatra ianareo! Tokony heverina ho tanimanga ve ny mpanao tavy, mba hahafahan'ireo zavatra izay namboarina miteny mahakasika azy izay nanamboatra izany hoe: "Tsy nanao ahy izy," na ny zavatra novolavolaina hiteny momba ny namolavola azy hoe: "Tsy mahay izy"?
[17]Vetivety monja, dia ho tonga saha i Libanona ary ny saha ho ala.[18]Amin'izany andro izany dia handre ny tenin'ny boky ny marenina, ary ny mason'ny jamba dia hahita ao amin'ny haizim-pito.[19]Ny ory dia hiravo ao amin'i Yaveh indray, ary ny mahantra eo amin'ireo olona dia hiravo ao amin'ilay Iray Masin'ny Israely.
[20]Fa ireo masiaka dia hitsahatra, ary ny mpaniratsira dia hanjavona. Ireo rehetra izay tia manao ratsy dia hofoanana,
[21]amin'ny sabatra no hanalana ny olona amin'ny mpanao ratsy. Mametraka fandrika ho azy izay mikatsaka ny rariny eo am-bavahady sy mametraka ny marina eo amin'ny lainga foana izy ireo.
[22]Noho izany dia izao no lazain'i Yaveh mahakasika ny ankohonan'i Jakoba_Yaveh, izay nanavotra an'i Abrahama: "Tsy ho menatra intsony i Jakoba, na hivaloarika ny tavany.[23]Kanefa rehefa mahita ny zanany izy, izay asan'ny tanako, dia hanamasina ny anarako izy ireo. Hanamasina ny anaran'ilay Iray Masin'i Jakoba izy ireo ary hijoro amin-tahotra an'Andriamanitr'i Israely.[24]Ireo izay mivily fanahy dia mbola hahazo fahazavan-tsaina, ary ireo mpitaraina dia hahazo fahalalana."

30 [1]"Loza ho an'ireo ankizy mpikomy," izany no fanambaran'i Yaveh. "Manao fikasana izy ireo, fa tsy avy amiko; manao fihavanana amin'ny firenena hafa izy ireo, saingy tsy notoroan'ny Fanahiko lalana, koa dia manampy fahotana omban'ny fahotana izy ireo.[2]Mivonona ny hidina ho any Egypta izy ireo, saingy tsy nangataka ny toro-lalako. Mitady fiarovana avy amin'i Farao izy ireo ary mialoka ao amin'ny alok'i Egypta.
[3]Noho izany dia ho fahamenaranareo ny fiarovan'i Farao, ary ny fialofana eo amin'ny alok'i Egypta, ho fahafaham-barakanareo,[4]na dia any Zoana aza ny andrian'izy ireo, ary tonga tany Hanesa ireo mpitondra hafany.[5]Ho menatra avokoa izy rehetra nohon'ny amin'ny vahoaka iray izay tsy afa-manampy azy ireo, izay sady tsy fanampiana no tsy famonjena, fa fahamenarana, ary fahafaham-baraka mihitsy aza."
[6]Fanambarana momba ireo bibidian'i Negeva: Avy amin'ny tanin'ny fahoriana sy loza, liom-bavy sy lion-dahy, ny menarana sy ny bibilava mirehitra manidina, no hitondran'izy ireo ny hareny eo an-damosin'ny boriky, ary ny rakiny eo amin'ny vohon'ny rameva, ho any amina vahoaka izay tsy afa-manampy azy ireo.[7]Fa tsy misy dikany ny fanampian'i Egypta; noho izany dia nantsoiko hoe Rahaba izy, izay mipetraka tsy mihontsina.
[8]Mandehana izao, soraty eo amin'ny fanatrehan'izy ireo amin'ny vato fisaka izany, ary raketo ao amina horonan-taratasy, mba ho voatahiry ho amin'ny andro ho avy ho fijoroana vavolombelona.[9]Fa vahoaka mpikomy ireo, ankizy mpandainga, ankizy izay tsy mba handre ny fampianaran'i Yaveh.
[10]Hoy izy ireo amin'ny mpahita hoe: "Aza mahita;" ary amin'ireo mpaminany hoe: "Aza maminany ny marina aminay; milazà teny mandoka aminay, maminania nofinofy.[11]Mihodìna hiala amin'ny lalana, mivilia amin'ny lalana; ataovy mitsahatra miteny eo anatrehan'ny tavanay ilay Iray Masin'Israely."
[12]Noho izany dia hoy ny Iray Masin'Israely hoe: "Satria mandà izao teny izao ianareo ary matoky ny fampahoriana sy fitaka ka miantehitra amin'izany,[13]koa izany fahotana izany dia ho tahaka ny singa vaky izay vonona ny hianjera aminao, tahaka ny triatra eo amin'ny rindrina avo izay ho tampoka ny fianjerany, ao anatin'ny fotoana fohy."
[14]Ho vakiany tahaka ny fahavakisan'ny lovian'ny mpanefy tanimanga izany; tsy hiaro izany Izy, ka tsy hisy potiny ho hita eo amin'ireo vakiny izay azo hanalana ny afo avy ao am-patana, na handoarana ny rano avy ao amin'ny siniben-drano.
[15]Fa izao no lazain'ny Tompo Yaveh, ilay Iray Masin'Israely: "Ho avotra amin'ny fiverenana sy fijanonana ianareo; amin'ny fahanginana sy fatokiana no ho herinareo. Saingy tsy nanam-piniavana ianareo.[16]Hoy ianareo hoe: 'Tsia, fa handositra amin'ny soavaly izahay,' koa dia handositra ianareo; ary, 'Hitaingina soavaly faingam-pandeha izahay,' koa dia ho faingam-pandeha ireo izay manenjika anareo.
[17]Arivo no handositra noho ny fampitahoran'ny iray; amin'ny fampitahoran'ny dimy no handosiranareo ambara-pahatongan'ny sisa tavela aminareo ho tahaka ny tahon-jozoro eny an-tampon-tendrombohitra, na tahaka ny zozoro eny amin'ny havoana."
[18]Fa mbola miandry ny hamindra fo aminareo Yaveh, noho izany dia vonona ny haneho fiantrana aminareo Izy. Fa Yaveh dia Andriamanitry ny rariny; sambatra ireo izay miandry Azy.[19]Fa hisy vahoaka honina any Ziona, any Jerosalema, ary tsy hitomany intsony ianareo. Hamindra fo amin'ny feon'ny fitarainanareo tokoa Izy. Rehefa reny izany, dia hamaly anareo Izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Na dia manome anareo ny mofon'ny ady sarotra sy ny ranon'ny fampahoriana aza Yaveh, na dia izany aza, dia tsy hiafina intsony ny mpampianatrareo, fa hahita ny mpampianatrareo amin'ny masonareo mihitsy ianareo.[21]Ny sofinareo handre teny avy aorianareo hanao hoe: "Ity no lalana, amin'ity mandeha," na mivily ho amin'ny ankavanana na mivily ho amin'ny ankavia ianareo.
[22]Ho zimbazimbainareo ireo sary voasokitrareo izay norakofana volafotsy sy ireo sary an'idina volamena. Harianareo tahaka ny vorodamban'ny fadimbolana izany. Hiteny amin'ireny ianareo hoe: "Mialà eto."
[23]Hanome orana ho an'ny volinareo Izy rehefa mamafy eny amin'ny tany ianareo, ary mofo mitobatobaka avy amin'ny tany, ary ny vokatra dia hitobatobaka. Amin'izany andro izany dia hiraoka eny amin'ny amin'ny ahitra midadasika ireo biby fiompinareo.[24]Ireo omby sy ireo boriky, izay miasa tany, dia hihinana ny voaisy sira izay nokororohina tamin'ny angady sy angady fitrebika.
[25]Eny amin'ny tendrombohitra avo rehetra sy ny havoana ambony rehetra, dia hisy lohasahan-driaka hikoriana ary rano mandeha, amin'ny andron'ny famonoana lehibe izay hianjeran'ny tilikambo.[26]Ho tahaka ny fahazavan'ny masoandro ny fahazavan'ny volana, ary ny fahazavan'ny masoandro dia hamiratra impito-heny, tahaka ny tara-masoandron'ny andro fito. Hamehy ny fanorotoroana ny olony Yaveh ary hanasitrana ny ferin'ny nandratrany azy ireo.
[27]Indro, ny anaran'i Yaveh dia tonga avy any amin'ny toerana lavitra, mirehitra amin'ny fahatezerany sy setroka matevina. Feno fahavinirana ny molony, ary ny lelany dia tahaka ny afo mandevona.[28]Ny fofonainy dia tahaka ny fikijan'ny riaka izay mahatratra hatrany amin'ny tenda kely, mba hanivana ny firenena amin'ny sivan'ny fandringanana. Ny fofonainy dia hisatra amin'ny valanoranon'ny olona mba hahatonga azy ireo hirenireny.
[29]Hanana hira toy ny amin'ny alina hitandremana ny firavoravoana masina ianareo, ary firavoravoam-po, tahaka ny amin'ny fandehanan'ny olona miaraka amin'ny sodina ho eny an-tendrombohitr'i Yaveh, ho eo amin'ny Vatolampin'Israely.
[30]Hataon'i Yaveh re ny fampirapiratan'ny feony ary hasehony ny fiofaofan'ny sandriny amin'ny fahatezerana mirehitra sy lelafo, amin'ny tafio-drivotra, oram-baratra, ary havandra.
[31]Fa amin'ny feon'i Yaveh, dia hianjera i Asyria; hamely azy ireo amin'ny tehina Izy.[32]Ny kapoka rehetra amin'ilay tsora-kazo voatendry izay hapetrak'i Yaveh amin'izy ireo dia hiarahan'ny feon'aponga tapaka sy valiha eo am-pitolomany sy hiadiany amin'izy ireo.
[33]Fa misy toerana fandorana voaomana hatry ny ela. Eny tokoa, voaomana ho an'ny mpanjaka izany, ary nataon'Andriamanitra lalina sady malalaka. Efa vonona amin'ny afo sy kitay be dia be ny antontany. Ny fofonain'i Yaveh, tahaka ny fandriaky ny solifara, dia handrehitra izany.

31 [1]Loza ho an'ireo izay midina any Egypta hitady vonjy sy miantehitra amin'ireo soavaly, ary mitoky amin'ireo kalesy (fa maro ireo) ary amin'ireo mpitaingin-tsoavaliny (fa tsy voaisa izy ireo). Nefa tsy mba miandrandra Ilay Masin'i Israely, na mitady an'i Yaveh izy ireo![2]Kanefa hendry Izy, ary hitondra loza Izy ka tsy hanafoana ireo teniny. Hitsangana hanohitra ny ankohonan'ny ratsy sy hanohitra ny mpamonjin'ireo izay manota Izy.
[3]Olona i Egypta fa tsy Andriamanitra, nofo ny soavalin'izy ireo fa tsy fanahy. Rehefa maninjitra ny tanany Yaveh, ny olona izay mamonjy dia ho tafintohina, ary ny olona izay vonjena dia ho lavo; samy hiara-ho faty izy roa.
[4]Izao no lazain'i Yaveh amiko: "Tahaka ny liona, na ny zana-diona, mierona amin'ny rembiny, rehefa antsoina hanohitra izany ny andian'ny mpiandry ondry, dia tsy mba hangovitra amin'ny feon'izy ireo izany, na hikisaka amin'ny fihorakorak'izy ireo; dia tahaka izany no hidinan'i Yaveh Tompon'ny maro hiady eo an-Tendrombohitr'i Ziona, eo amin'izany havoana izany.
[5]Tahaka ny vorona manomba, no hiarovan'i Yaveh Tompon'ny maro an'i Jerosalema; hiaro sy hamonjy Izy raha mandalo eo amin'izany ary mitahiry izany.[6]Miverena Aminy izay efa nihodinanareo fatratra, ry vahoakan'Israely.[7]Fa amin'izany andro izany ny tsirairay avy dia hanala ireo sampy volafotsiny sy ireo sampy volamenany izay nataon'ny tananareo ihany tamim-pahotana.
[8]Ary ny Asyriana ho lavon'ny sabatra izay tsy mba an'olombelona no handringana azy. DIa handositra ny sabatra izy, ary ny zatovony hampanaovina fanompoana mafy.[9]Ary izy ireo dia very fahatokisana nohon'ny fahatahorana, ary ireo mpanapaka azy hivadi-po eo anatrehan'ny fanevan'i Yahweh - Izany dia fanambarana nataon'i Yahweh - Izay manana ny afony ao Ziona sy ny fatany fandorana ao Jerosalema."

32 [1]Indro, ny mpanjaka dia hanjaka amin'ny fahamarinana, ary ny andrian-dahy dia hanapaka amin'ny rariny.[2]Ny tsirairay avy dia ho tahaka ny fialofana amin'ny rivotra ary ho fialofana amin'ny kotroka, tahaka ny ranovelona amin'ny toerana maina, tahaka ny aloky ny vatolampy lehibe any amin'ny tanin'ny fahararehana.[3]Ary ny mason'ireo izay mahita dia ho pahina, ary ny sofin'ireo izay mandre dia hihaino tsara.
[4]Ireo kely fisainana dia hihevitra tsara amin'ny fahazavan-tsaina, ary ireo mibadabada dia hahay hiteny mahitsy tsara.
[5]Ny adala dia tsy ho antsoina intsony hoe mendrika, na ny mpamitaka ho hajaina.[6]Fa ny adala dia hiteny fahadalana, ary ny fony dia hanao teti-dratsy sy hanao asa miatsaravelatsihy, ary hiteny diso hanohitra an'i Yaveh izy. Hampanoana ireo noana izy, ary hahatonga ireo mangetaheta tsy hanana zavatra hosotroina.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Ratsy ireo fomban'ny mpamitaka. Mihevitra teti-dratsy izy mba hanimbàna ny mahantra amin'ny lainga, na dia milaza izay marina aza ny mahantra.[8]Fa ny olona mendrika kosa dia manao tetika mendrika; ary noho ireo tetiny mendrika dia hahomby izy.
[9]Mitsangàna, ry vehivavy tsy manano-sarotra, ary henoy ny feoko; ry vehivavy tsy mivaky loha, henoy Aho.[10]Fa afaka herintaona farafahakeliny dia ho rava ny fahatokianao, ry vehivavy tsy mivaky loha, fa tsy hisy ny fihotazam-boaloboka, tsy ho tonga ny fanangonana.
[11]Mangovita, ry vehivavy tsy manano-sarotra; aoka hangovitra, ianao izay mahatoky; esory ireo akanjo manifinao ary aoka ianao hiboridana; ary asio lamba fisaonana ny valahinao.[12]Hidradradradra amin'ireo saha mahafinaritra ianao, ho an'ireo voaloboka mamokatra.[13]Ny tanin'ny vahoakako dia ho rakotr'ireo tsilo sy ireo hery, eny fa na dia ny ao amin'ireo trano mahafaly rehetra ao amin'ny tanànan'ny firavoravoana aza.
[14]Fa ny lapa dia ho afoy, ny tanàna feno vahoaka dia ho foana; ny havoana sy ny tilikambo dia ho lava-bato mandrakizay, fifaliana ho an'ireo boriky dia, ahi-maitso ho an'ireo ondry aman'osy;[15]mandra-pilatsahan'ny Fanahy avy any amin'ny avo amintsika, ka ny tany efitra dia ho tonga saha mamokatra, ary ny saha mamokatra dia heverina toy ny hoe ala.
[16]Ary hitoetra ao amin'ny tany efitra ny rariny; ary ny fahamarinana hitoetra ao amin'ny saha mamokatra.[17]Ny asan'ny fahamarinana dia ho fiadanana; ary ny vokatry ny fahamarinana, dia fahanginana sy fahatokiana mandrakizay.[18]Ny vahoakako dia honina ao amin'ny fitoerana feno fiadanana, ao amin'ireo trano azo antoka, ary ao amin'ny toerana mangingina fakàna aina.
[19]Kanefa raha misy ireo havandra dia ho simba ny ala, ka dia ringana tanteraka ny tanàna,[20]ianao izay mamafy eny akaikin'ireo onja dia ho voatahy, ianao izay mamoaka ireo ombinao sy ireo borikinao mba hiraoka.

33 [1]Loza ho anareo, ry mpandrava izay tsy mbola noravàna! Loza ho an'ny mpamadika izay tsy mbola novadian'izy ireo! Raha mihato amin'ny famotehana ianareo, dia ho potehina! Raha mihato amin'ny famadihana ianareo, dia hivadihan'izy ireo.
[2]Ry Yaveh, mamindrà fo aminay; miandry Anao izahay; aoka mba ho sandrinay isa-maraina, ary famonjenay amin'ny andro fahoriana.
[3]Anatin'ny feo mafy no handosiran'ny olona; rehefa mitsangana Ianao, dia miparitaka ireo firenena.[4]Nalevina tahaka ny valala niangona ny babonao; tahaka ny fifanaretsak'ireo andiam-balala, no ifanaretsahan'ny olona amin'izany.
[5]Nasandratra i Yaveh. Mitoetra any amin'ny toerana avo Izy. Ho fenoiny amin'ny fitsaràna sy fahamarinana ny Ziona.[6]Ho filaminana amin'ny fotoanareo Izy, famonjena be, fahendrena, ary fahalalana; ny fahatahorana an'i Yaveh no hareny.
[7]Indro, ireo irak'izy ireo mitaraina eo an-dalana; mitomany mafy ireo iraka manantena fiadanana.[8]Foana ireo lalam-be; tsy misy mpandeha intsony. Rava ny fanekena, notsinotsiniavina ireo vavolombelona, ary tsy voahaja ny maha-olombelona. [1]
[9]Misaona ny tany ary milofika; menatra Lybanona ary karakaina; [2]Saràna dia tahaka ny lemaka maina; ary manintsana ny raviny i Basana sy Karmela.
[10]"Ankehitriny hitsangana Aho," hoy Yaveh; "ankehitriny ho hasandratra Aho; ankehitriny ho eny amin'ny avo Aho.
[11]Manorotoro ny voam-bary ianareo, ary miteraka mololo; afo mandevona anareo ny fofon'ainareo.[12]Ho voadoro ireo olona, tahaka ny tsilo notapahina sy nodorana.
[13]Ianareo izay lavitra, henoy izay efa nataoko; ary, ianareo izay akaiky, ekeo ny heriko."[14]Matahotra ireo mpanota any Ziona; fangovitana no efa nahazo ny mpiatsaravelatsihy. Iza amintsika no afaka hijanona amin'ny afo mandevona? Iza amintsika no afaka hijanona eo amin'ny firehetana mandrakizay?
[15]Izy ilay mandeha amin'ny fahamarinana sy miresaka am-pahatsorana; Izy ilay nanafoana ny tombon'ny fampahoriana, izay mandà ny handray kolilkoly, izay tsy manao teti-dratsy heloka bevava fandatsahan-drà, ary tsy mitady ny ratsy__[16]ho ataony amin'ny avo indrindra ny fonenany; ny toerana fiambenany dia ho fiarovana mafy amin'ny harambato; ny sakafony sy ny ranony dia ho feno famatsiana.
[17]Ny masonareo dia hahita ny mpanjaka amin'ny hatsarany; hitsinjo tany malalaka izy ireo.[18]Ho tsaron'ny fonareo ny horohoro; aiza ny mpanora-dalàna, aiza izy izay nandanja ny vola? Aiza izy izay nanisa ireo tilikambo?[19]Tsy hahita ny olona mpanohitra anareo intsony ianareo, olona hafa fiteny izay tsy takatrareo.
[20]Jereo Ziona, ilay tanànan'ny fankalazantsika; hahita an'i jerosalema tahaka ny mponina milamina ny masonareo, lay izay tsy mba ho esorina, izay tsy ho voahongotra mihitsy ny tsato-kazony na ho tapaka ny kofehiny.[21]Fa kosa, homba amin-kery amintsika i Yaveh, any amin'ny toerana amoron'ny ony sy lakan-drano. Tsy hisy sambo voizina handeha amin'izany, ary tsy hisy sambo lehibe hamakivaky izany.
[22]Fa Yaveh no mpitsara antsika, Yaveh no mpanome lalàna antsika, Yaveh no mpanjakantsika; ary hamonjy antsika Izy.
[23]Miraviravy ireo fanodikodinanareo; tsy afaka hiazona ny hazo lava amin'ny toerany ireo; tsy afaka hanaparitaka ny lay ireo; rehefa nozaraina ilay voababo lehibe, na dia ny mandringa aza hanintona ilay babo.[24]Tsy hilaza ny mponina hoe: "Marary aho;" ny olona izay mitoetra any dia ho voavela amin'ny helok'izy ireo.

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "notsinontsiniavina ny vavolombelona", ny dika-teny sasany manao hoe: "notsinontsiniavina ny tanàna".
[2]Fanamarihana: ny dika-teny sasany manao hoe: "maina ny tany ary malazo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

34 [1]Manatòna akaiky, ianareo ry firenena; ary mihainoa, mifantoha, ianareo ry vahoaka! Ny tany sy izay mameno izany dia tsy maintsy mihaino, izao tontolo izao, sy ny zavatra rehetra avy amin'izany.[2]Fa tezitra amin'ny firenena rehetra Yaveh, ary vinitra amin'ny tafik'izy ireo rehetra; nandrava azy ireo tanteraka Izy, nanolotra azy ireo teo an-tanan'ny mpamono Izy.
[3]Ireo vata-mangatsiakan'ireo maty dia hatsipy any ivelany. Ny fofona maimbon'ireo faty dia ho eny rehetra eny; ary ireo tendrombohitra ho vonton'ny ràn'izy ireo.[4]Ho levona avokoa ny kintan'ny lanitra, ary ny lanitra dia hiorona tahaka ny horonana; ary ny kintany rehetra dia ho levona, toy ny ravina izay malazo mihintsana amin'ny tahom-boaloboka, sy toy ny aviavy lo mihintsana amin'ny hazon'aviavy.
[5]Fa rehefa mamon'ny ràny any an-danitra ny sabatro; indro, ankehitriny hidina any Edoma izany, eo amin'ny vahoaka izay hatokako amin'ny fandravana.[6]Ny sabatr'i Yaveh dia mitete rà sy rakotra tavy, mitete ràn'ireo zanak'ondry sy ireo osilahy, rakotry ny tavin'ny voan'ireo ondrilahy. Fa manana fanatitra ao Bozra sy famonoana lehibe ao amin'ny tanin'i Edoma i Yaveh.
[7]Hovonoina miaraka amin'izy ireo ny ombidia, sy ireo vantotr'omby miaraka amin'ireo efa antitra. Ny tanin'izy ireo dia ho mamon-drà, ary ny vovokany dia matavin'ny hatavezana.
[8]Fa ho andro famalian'i Yaveh izany sy ho taona hamaliany ny amin'i Ziona.[9]Ny rian-dranon'i Edoma dia ho tonga dinty, ny vovokany ho solifara, ary ny taniny ho tonga dinty mirehitra.[10]Hirehitra andro aman'alina izany; ny setrok'izany dia haharitra mandrakizay; amin'ny taranaka mifandimby dia ho tany ngazana izany; tsy hisy olona handalo eo amin'izany mandrakizay doria.
[11]Fa ireo vorondia sy ireo bibidia no hitoetra any; ny vorondolo sy ny goaika no hanao ny tranony ao amin'izany. Ary hohenjaniny eo amin'izany ny tady fandrefesan'ny fahapotehina sy ny fantson-drano fandravana.[12]Ireo olo-mendri-kajany dia tsy hanana zavatra ho tavela ho antsoina hoe fanjakana, ary ny andriandahy rehetra dia ho tsinontsinona.
[13]Tsilo no haniry eo amin'ireo lapany, voaroy sy amiana no eo amin'ny trano fiarovany. Ho fitoeran'ireo ambodia izany, sy toeran'ireo ostritsa.[14]Ny bibidia sy ireo kary no hihaona any, ary ireo osidia no hifampiantso any. Ny bibin'ny alina no hanorim-ponenana any ka hahita toeram-pialantsasatra ho azy ireo.[15]Ireo vorondolo hanao akany, hanatody sy hikotrika ireo atodiny, hikotrika ary hiaro ireo zanany. Eny, any no hiangonan'ireo papango, ny tsirairay miaraka amin'ny namany avy.
[16]Tadiavo ao amin'ny horonan-taratasin'i Yaveh; fa tsy misy iray amin'ireo tsy ho ao. Tsy misy tsy hanana namana; fa ny vavany no mandidy izany, ary ny fanahiny no manangona azy ireo.[17]Nanao filokana ho an'ny toerany izy ireo Izy, ary ny tanany no nandrefy izany tamin'ny tady ho azy ireo. Ho tompon'izany mandrakizay izy ireo; hatramin'ny taranaka faramandimby no hitoeran'izy ireo any.

35 [1]Ny tany efitra sy karakaina dia hiravoravo; ary ny tani-hay hifaly sy hamony. Toy ny raozy,[2]hamelana be dia be izany ary hihoby amin'ny fifaliana sy ny hirahira; ny voninahitr'i Libanona dia homena izany, ny hatsaran-tarehin'i Karmela sy Sarona; hahita ny voninahitr'i Yaveh izy ireo, ny famirapiratan'Andriamanintsika.
[3]Ampaherezo ny tanana miraviravy, ary atanjaho ireo lohalika mangovitra.[4]Lazao amin'ireo reraka am-po hoe: "Mahereza, aza matahotra! Indro, ny Andriamanitrareo ho avy miaraka amin'ny famaliana, dia ny famalian'Andriamanitra. Ho avy Izy ary hamonjy anareo."
[5]Dia hahiratra ny mason'ireo jamba, ary handre ny sofin'ireo marenina.[6]Dia hitsambikina toy ny diera ny olona mandringa, ary ny lelan'ny moana dia hihira, fa hivoaka avy any amin'ny tany karankaina ny rano, ary ireo loharano any an'efitra.[7]Ho tonga farihy ny fasika mandoro, ary ny tany mangetana ho tonga loharano miboiboika; any amin'ny fitoeran'ireo amboadia, izay itoeran'izy ireo fahiny, dia ho feno ahitra volotara sy zozoro.
[8]Ny lalam-be any dia ho antsoiana hoe Lalana Masina. Tsy handeha amin'izany ny maloto. Fa izany dia natao ho an'izay mandeha amin'izany. Tsy misy adala handeha amin'izany.[9]Tsy hisy liona any, tsy hisy biby masiaka ao amin'izany; tsy ho hita ao izy ireo, fa ireo izay voavonjy no handeha ao.
[10]Hiverina ny vidim-panavotan'i Yaveh ary ho avy any Ziona amin'ny fihirana, ary fifaliana mandrakizay no ho eo an-dohan'izy ireo; hahazo fihobiana sy firavoravoana izy ireo, handositra ny alahelo sy ny fisentoana.

36 [1]Tamin'ny taona faha efatra ambin'ny folo nanjakan'i Hezekia mpanjaka, Sankeriba, mpanjakan'i Asyria, dia nanafika ireo tanàna rehetra mimandan'i Joda ary nambabo azy ireo.[2]Dia nalefan'ny mpanjakan'i Asyria avy any Lakisa ho any Jerosalema ho any amin'i Hezekia mpanjaka ny lehibe mpifehy miaraka amin'ny tafika lehibe. Nampifanantona ny lakan-dranon'ny farihy ambony izy, amin'ny lalam-be mankany amin'ny sahan'ny mpanasa lamba, ary nitsangana tamin'izany.[3]Ny manam-pahefana Israelita izay nivoaka ivelan'ny tanàna mba hiresaka amin'izy ireo dia i Eliakima zanaka lahin'i Hilkia, ny mpandrindra ny lapa, Sebna mpitan-tsoratrin'ny mpanjaka, ary Joa zanaka lahin'i Asafa, izay nanoratra ireo fanapahan-kevitrin'ny governemanta.
[4]Niteny tamin'izy ireo ny lehibe manam-pahefana hoe: "Lazao amin'i Hezekia fa ny mpanjaka lehibe, mpanjakan'i Asyria, dia miteny hoe: "Inona ny loharanon'ny tokinareo?"[5]Tsy miteny afa-tsy teny tsy dia ilaina ianareo, milaza fa misy torohevitra sy hery amin'ny ady. Ankehitriny amin'iza no itokianareo? Iza no nankahery anareo hikomy hanohitra ahy?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Indro, mahatoky an'i Egypta ianareo, izay volotara misintaka izay ampiasainareo tahaka ny tehina, fa rehefa miantehitra amin'izany ny olona iray, dia hifikitra amin'ny tanany ka handefona azy izany. Tahaka izany i Farao mpanjakan'i Egypta amin'ny olona izay mahatoky azy.[7]Fa raha miteny amiko ianareo hoe: "Mahatoky an'i Yaveh Andriamanitray izahay," tsy azy ve ireo toerana avo sy ireo alitara izay nalain'i Hezekia, ary efa niteny tamin'i Joda sy Jerosalema hoe: "Miankohofa eo anoloan'ity alitara any Jerosalema ity"?
[8]Ary ankehitriny, maniry ny hanao fanomezana tsara ho anao avy amin'ny mpanjakan'i Asyria aho. Hanome anao soavaly roa arivo aho, raha toa ka mahavita mitady mpitaingina ho azy ireo ianao."
[9]Ahoana no ahafahanao manohitra na ny kapiteny iray izay kely indrindra amin'ny mpanompon'ny tompoko? Nametraka ny fahatokisanareo tamin'i Egypta noho ireo kalesy sy ireo mpitaingin-tsoavaly ianareo![10]Ary ankehitriny, moa nandeha taty tsy niaraka tamin'i Yaveh mba hiady hanohitra ity tany ity sy handrava izany ve aho? Hoy Yaveh tamiko,"manafia ity tany ity ary ravao izany.""
[11]Ary Eliakima zanaka lahin'i Hilkia, sy Sebna, ary Joa niteny tamin'ny lehibe manam-pahefana hoe: "Mitenena re amin'ireo mpanomponao amin'ny fiteny Syriana, Aramaika, mba hahazoanay izany. Aza miresaka aminay amin'ny fitenin'i Joda eo an-tsofin'ireo vahoaka izay ao amin'ny manda."[12]Fa hoy ny lehibe manam-pahefana: "Moa nandefa ahy mba hiteny ireo teny ireo ho any amin'ny tomponao sy ho any aminao ve ny tompoko? Tsy nandefa ahy ho any amin'ireo lehilahy izay mipetraka eo amin'ny manda izy, izay hihinana ny malotony ihany sy hisotro ny amaniny ihany miaraka aminao?"
[13]Ary nitsangana ny lehibe manam-pahefana ary nihiaka tamin'ny feo mafy tamin'ny fiteny Jiosy, miteny hoe: "Mihainoa ny tenin'ny mpanjaka lehibe, mpanjakan'i Asyria.[14]Hoy ny mpanjaka: "Aza mety hofitahin'i Hezekia ianao, fa tsy afaka ny hanavotra anao izy.[15]Aza avela hampatokian'i Hezekia amin'i Yaveh ianao, izay miteny hoe; "Hamonjy anay tokoa i Yaveh, tsy homena ho eo an-tanan'ny mpanjakan'ny Asyria ity tanàna ity.
[16]Aza mihaino an'i Hezekia fa izao no lazain'ny mpanjakan'i Asyria: "Mihavana amiko ary manatona ahy. Ary ny tsirairay aminareo dia hihinana avy amin'ny voalobony sy avy amin'ny hazo aviaviny ihany, ary hisotro ny rano ao anatin'ny fitoeran-dranony ihany.[17]Izany no ataonareo ambara-pahatongako sy hakako anareo ho any amin'ny tany tahaka ny taninareo ihany, tanin'ny vary sy tanin'ny divay vaovao, tanin'ny mofo sy tanim-boaloboka."
[18]Aza mamela an'i Hezekia hamitaka anareo, miteny hoe: "Yaveh no hamonjy atsika". Moa nisy tamin'ireo andriamanitrin'ny vahoaka ve ka nahavonjy azy ireo avy eo an-tanan'ny mpanjakan'i Asyria?[19]Aiza ireo andriamanitr'i Hamata sy Arpada? Ary aiza ihany koa ireo andriamanitr'i Sefarvaima? Moa ve nahavonjy an'i Samaria tamin'ny heriko izy ireo?[20]Tamin'ireo andriamanitra rehetra teto amin'ny tany, moa nisy andriamanitra nahavonjy ny taniny tamin'ny heriko ve? Tahaka ny hoe afaka mamonjy an'i Jerosalema amin'ny heriko ve i Yaveh?
[21]Fa ny vahoaka nijanona nangina ary tsy nisy namaly, fa izany no didin'ny mpanjaka hoe: "Aza mamaly azy."[22]Ary i Eliakima zanaka lahin'i Hilkia izay lehiben'ny ankohonana, sy Sebma mpanora-dalàna, ary Joa zanaka lahin'i Asafa, mpitàna ny raharaham-panjakana, dia nanatona an'i Hezekia miaraka amin'ireo akanjony rovitra, ary nitatitra taminy ireo tenin'ny lehibe manam-pahefana.

37 [1]Rehefa ren'i Hezekia Mpanjaka ny tatitr'izy ireo, dia nandriatra ny akanjony izy, ka nanarona ny tenany tamin'ny akanjo fisaonana, ary nankany an-tranon'i Yaveh.[2]Izy dia naniraka an'i Eliakima, izay lohan'ny ankohonana, sy Sebna mpanora-dalàna, ary ireo lohan'ny mpisorona, samy nisarona akanjo fisaonana avokoa, ho any amin'i Isaia mpaminany, zanak'i Amoza.
[3]Hoy izy ireo taminy: "Hoy i Hezekia hoe: 'Ity andro ity dia andron'ny fahoriana, fibedesana, ary fanalam-baraka, tahaka ny zaza efa ho teraka, nefa ny reniny dia tsy manana hery hiterahana ny zanany.[4]Mety ho ren'i Yaveh Andriamanitrao ihany ireo tenin'ny lehiben'ny mpifehy, izay nirahin'ny mpanjakan'i Asyria mba hihantsy an'Andriamanitra velona, ka hiteny mafy ireo teny izay ren'i Yaveh Andriamanitrao. Ankehitriny dia asandrato ho an'izay mbola tavela eto ny vavakao."'
[5]Ka nankany amin'i Isaia ireo mpanompon'i Hezekia mpanjaka,[6]ary hoy i Isaia tamin'izy ireo: "Lazao amin'ny tomponareo hoe: "Aza matahotra ny teny izay efa renao, izay tamin'izany no nanevatevan'ireo mpanompon'ny mpanjakan'i Asyria ahy.[7]Indro, hametraka fanahy ao aminy aho, ary hahare ny tatitra sasany izy ka hiverina any amin'ny taniny. Hataoko lavon'ny sabatra any amin'ny taniny ihany izy.""'
[8]Ary niverina ireo lehiben'ny mpitarika ka nahita ny mpanjakan'i Asyria niady tamin'i Libna, fa efa reny fa niala tao Lakisy ny mpanjaka.[9]Ary ren'i Senkeriba fa nihetsika hiady aminy i Tiraka mpanjakan'i Etiopia sy Egypta, ka naniraka mpitondra hafatra miaraka amin'ny hafatra tany amin'i Hezekia indray izy:[10]"'Lazao amin'i Hezekia, mpanjakan'i Joda hoe: 'Aza avela handiso fanantenana anao ny Andriamanitrao izay itokianao, manao hoe: "Tsy hatolotra eo an-tanan'ny mpanjakan'i Asyria i Jerosalema."
[11]Indro, efa renareo izay nataon'ny mpanjakan'i Asyria tamin'ny tany rehetra tamin'ny fandravana azy ireo tanteraka. Koa ho voavonjy ve ianareo?[12]Moa ve namonjy azy ireo andriamanitry ny firenena, dia ireo firenena izay noravan'ireo razambeko: Gozana, Harana, Razefa, ary ny vahoakan'i Edena tao Telasara?[13]Aiza ny mpanjakan'i Hamata, mpanjakan'i Arpada, mpanjakan'ireo tanànan'i Sefarvaima, Hena, ary Iva?"'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Nandray ny taratasy teny an-tanan'ny mpitondra hafatra i Hezekia ary namaky izany. Dia nankany an-tranon'i Yaveh izy ary namelatra izany teo anatrehany.[15]Nivavaka tamin'i Yaveh i Hezekia hoe:[16]"Ry Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, Ianao izay mipetraka eo ambony Kerobima, Ianao irery no Andriamanitra eo amin'ny fanjakan'ny tany rehetra. Ianao no nahary ny lanitra sy ny tany.
[17]Atongilano ny sofinao, ry Yaveh, ary mihainoa. Sokafy ny masonao, ry Yaveh, ka jereo, ary henoy ireo tenin'i Sankeriba, izay efa nalefany hanesoana an'Andriamanitra velona.[18]Marina izany, ry Yaveh, fa noravan'ny mpanjakan'i Asyria ny firenena rehetra sy ny tanin'izy ireo.
[19]Efa nataony tao anaty afo ireo andriamaniny, fa tsy andriamanitra ireny fa asan-tanan'olona, hazo sy vato ihany. Ka dia nopotehin'ny Asyriana ireo.[20]Koa ankehitriny, ry Yaveh Andriamanitray, vonjeo eo amin'ny heriny izahay, mba ho fantatry ny fanjakan'ny tany rehetra fa Ianao irery ihany no Yaveh."
[21]Ary nandefa hafatra tany amin'i Isaia zanak'i Amoza i Hezekia, manao hoe: "Yaveh, Andriamanitr'Israely manao hoe: 'Satria efa nivavaka tamiko mahakasika an'i Sankeriba mpanjakan'i Asyria ianao,[22]dia izao ny teny izay nolazain'i Yaveh ny momba azy: "Manao tsinontsinona sy manala baraka anao ny zanaka vavy virijin'i Ziona; mihifikifi-doha aminao ny zanaka vavy. Nihantsy sy naniratsira an'iza ianao?[23]Nampiaka-peo sy nivandravandra tam-pireherehana tamin'iza ianao? Tamin'ny Ilay Masin'Israely.
[24]Tamin'ny alalan'ireo mpanomponao no nihantsianao ny Tompo ary nanaovanao hoe: 'Tamin'ny hamaroan'ny kalesiko no niakarako teny amin'ny havoan'ireo tendrombohitra, tamin'ny fiakarana avo indrindra an'i Libanona. Hokapaiko ireo sederany lava ary hofidiako ireo hazon-kypreso any, ary hihiditra ao amin'ny toerany ambony indrindra aho, dia ny alany mamoha be indrindra.[25]Efa nihady lava-drano aho ary nisotro rano; [1]Noritraiko ny reniranon'i Egypta rehetra ambanin'ny faladian-tongotro.'
[26]Moa ve tsy renao ny namaritako izany fotoana maro lasa izay sy nanaovako izany tamin'ny fotoana fahiny? Ary entiko mba hitranga izany. Eto ianao mba handrava ireo tanàna matanjaka ho lasa korotam-bato.[27]Ireo mponiny, tsy manan-kery, dia kivy sy afa-baraka. Voly any an-tsaha izy ireo, ahi-maitso, ahitra eny ambony tafo na eny an-tsaha, mialohan'ny rivotra avy any atsinana.
[28]Fa fantatro ny fipetrakao, ny fivoahanao, ny fidiranao, ary ny hatezeranao Amiko.[29]Nohon'ny hatezeranao Amiko, nohon'ny avonavonao izay nipàka tamin'ny sofiko, dia hametrahako farangoko eo amin'ny oronao, ary ny lamboridiko eo amin'ny vavanao; haveriko any amin'izay lalana niavianao ianao."
[30]Izao no ho famantarana ho anao: Hihinana izay manirinirу foana ianao amin'ity taona ity, ary izay maniry amin'izany amin'ny taona faharoa. Fa amin'ny taona fahatelo dia tsy maintsy mamboly ianao ary mioty, manaova tanim-boaloboka ary hano ny vokany.
[31]Ireo sisa amin'ny ankohonan'i Joda izay tsy maty dia hamaka sy hamokatra indray.[32]Fa avy ao Jerosalema no hivoahan'ireo sisa; avy ao an-Tendrombohitr'i Ziona ireo tsy maty. Hanao izany ny zotom-pon'i Yaveh Tompon'ny maro.'"
[33]Noho izany dia izao no lazain'i Yaveh momban'ny mpanjakan'i Asyria: "Tsy hiditra eto amin'ity tanàna ity, na hanipy tsipìka eto izy. Na ho tonga alohan'izany miaraka amin'ny ampinga na hanangana rindrina fiakarana amin'izany izy.[34]Ny lalana nahatongavany ihany no ho lalana hialany; tsy hiditra ao amin'ity tanàna ity izy_izany no fanambaran'i Yaveh.
[35]Fa hiaro ity tanàna ity Aho ary hamonjy izany, nohon'ny Amiko sy nohon'ny amin'i Davida mpanompoko."
[36]Ary ny anjelin'i Yaveh dia nivoaka ka nanafika ny tobin'ireo Asyriana, nahafaty miaramila185.000. Rehefa nifoha maraim-be ireo lehilahy, dia nitsirara teny rehetra teny ny fatin'olona.[37]Ka nandao an'Israely i Sankeriba mpanjakan'i Asyria ary nody tany an-trano ka nitoetra tao Ninive.
[38]Taty aoriana, raha mbola nidera tao an-tranon'i Nisroka andriamaniny izy, dia namono azy tamin'ny sabatra i Adrameleka sy Sarezera zanany lahy. Avy eo dia nitsoaka tany amin'ny tanin'i Ararata izy ireo. Ary dia i Esara-hadona zanany no nanjaka teo amin'ny toerany.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany taloha sy vaovao misy hoe "Efa niady lava-drano sy nisotro rano tany an-tanin'ny vahiny aho."

---

38 [1]Tamin'ireo andro ireo i Hezekia dia narary mafy efa eo andalam-pahafatesana. Koa tonga teo aminy Isaia zanaka lahin'i Amoza, ilay mpaminany, ary nanao taminy hoe: "Izao no lazain'i Yaveh: 'Alamino ny tranonao; fa ho faty ianao, fa tsy ho velona.'"[2]Dia nanodina ny tavany nankany amin'ny rindrina i Hezekia ary nivavaka tamin'i Yaveh.[3]Hoy izy: "Mba tsarovy re ry Yaveh, ny nandehanako am-pahatokiana tamin'ny foko manontolo teo anatrehanao, sy ny nanaovako ny tsara teo imasonao." Dia nitomany mafy i Hezekia avy eo.
[4]Ary tonga tamin'Isaia ny tenin'i Yaveh, manao hoe:[5]"Mandehana ary lazao amin'i Hezekia, mpitarika ny oloko hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh, ilay Andriamanitr'i Davida razambenao: Efa reko ny vavakao, ary efa hitako ireo ranomasonao. Indro, hanampy dimy ambin'ny folo taona amin'ny fiainanao Aho.[6]Dia hanavotra anao sy ity tanàna ity amin'ny tanan'ny mpanjakan'i Asyria Aho, ary hiaro ity tanàna ity.
[7]Izao no ho famantarana avy amin'i Yaveh ho anao, fa ho ataoko izay nampanantenaiko.[8]Indro, hampiverina ny aloka eo amin'ireo tohatr'i Ahaza ho folo dingana Aho."" Ka niverina ambaratonga folo ireo tohatra teo amin'izay nihoatra.
[9]Izao no vavaka voasoratr'i Hezekia mpanjakan'i Joda, rehefa narary ary sitrana izy:[10]"Izaho nilaza fa eo amin'ny antenantenan'ny fiainako dia handeha amin'ireo vavahadin'ny fiainan-tsy hita aho; nalefa tany aho mandritra ny taona

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

sisa hiainako.[11]Hoy aho hoe tsy hahita an'i Yaveh intsony aho, Yaveh any amin'ny tanin'ny velona; tsy hijery ny olombelona na ireo mponin'ny tany intsony aho. [1]
[12]Nesorina sy nalàna tamiko tahaka ny lain'ny mpiandry ondry ny aiko; naforiporitro tahaka ny tenona ny aiko; manapaka ahy amin'ny fitaovana fanenomana Ianao; eo antenantenan'ny andro sy ny alina Ianao no manapitra ny aiko.
[13]Nihiaka mafy mandra-maraina aho; tahaka ny liona no famakiany ireo taolako rehetra. Eo antenantenan'ny andro sy ny alina Ianao no manapitra ny aiko.
[14]Mikoraraika tahaka ny sidintsidina aho; mitolokoloko tahaka ny voromailala aho; reraka miandrandra ambony ny masoko. Ry Tompo, ory aho; ampio aho.[15]Inona no tokony ho lazaiko? Sady niteny izy, no nanatanteraka izany tamiko; hamindra moramora amin'ny taona hiainako rehetra aho satria tototry ny alahelo.
[16]Ry Tompo, ireo fijaliana nalefanao dia tsara ho ahy; ho averina amiko indray anie ny aiko; namerina ny aiko sy ny fahasalamako Ianao.[17]Tombontsoa ho ahy ny niainako alahelo tahaka ireny. Nanavotra ahy tamin'ny lavaky ny faharavana Ianao; efa nanipy ireo fahotako rehetra ho any an-damosinao Ianao.
[18]Fa tsy misaotra anao ny fiainan-tsy hita; tsy midera anao ny fahafatesana; ireo izay midina ao anaty lavaka dia tsy manantena ny fahamendreham-pitokisanao.[19]Ny olombelona, ny olombelona, izy no ilay iray izay manome fisaorana anao, tahaka ny ataoko amin'ity andro ity; ray mampahafantatra ny fahamendreham-pitokisanao amin'ireo zanaka.
[20]Eo andalam-pamonjena ahy i Yaveh, ary hankalaza amin'ny hira izahay amin'ny androm-piainanay rehetra ao an-tranon'i Yaveh."
[21]Ary hoy Isaia: "Aoka izy ireo haka vongan'aviavy ary hametraka izany eo amin'ny vay, dia ho sitrana izy."[22]Hoy ihany koa i Hezekia hoe: "Inona no ho famantarana fa tokony hiakatra ho any an-tranon'i Yaveh aho?"

---

[1]Fanamarihana: "ireo mponin'izao tontolo izao": Ny ankamaroan'ny dikan-teny vaovao dia manana io dika io. Ireo dikan-teny Hebreo Taloha dia manao hoe: "ireo mponina eo amin'ny toerana tsy misy." (izany hoe: fisiana vetivety ihany)

---

39 [1]Tamin'izany andro izany Merodaka-baladana zanaka lahin'i Baladana, mpanjakan'i Babylona, dia nandefa taratasy sy fanomezana ho an'i Hezekia; satria reny fa narary i Hezekia ary sitrana.[2]Faly tamin'ireo zavatra ireo i Hezekia; nasehony an'ireo mpitondra hafatra ny trano fitahirizany zavatra sarobidy—ny volafotsy, ny volamena, ireo zava-manitra ary menaka tsara, ny trano fitahirizany an'ireo fitaovam-piadiany, sy izay rehetra hita tao amin'ireo trano fitahirizany. Tsy nisy zavatra tao an-tranony, na tao amin'ny fanjakany rehetra, ka tsy nasehon'i Hezekia azy ireo.
[3]Avy eo Isaia mpaminany tonga tany amin'i Hezekia mpanjaka ary nanontany azy hoe: "Inona no lazain'ireo olona ireo aminao? Avy aiza izy ireo?" Hoy Hezekia hoe: "Tonga eto amiko avy any amin'ny firenena lavitr'i Babylona izy ireo."[4]Dia nanontany Isaia hoe: "Inona no hitan'izy ireo tao an-tranonao?" Namaly Hezekia hoe: "Hitan'izy ireo avokoa ny zavatra rehetra tao an-tranoko. Tsy nisy zavatra tamin'ireo zavatro sarobidy ka tsy nasehoko azy ireo."
[5]Dia hoy Isaia tamin'i Hezekia hoe: "Henoy ny tenin'i Yaveh tompon'ny maro:[6]'Indro, tonga ny andro izay hitondrana ny zavatra rehetra ao amin'ny lapanao, ireo zavatra izay notahirizin'ireo razambenao mandrak'ankehitriny ho any Babylona. Tsy hisy ho tavela, hoy Yaveh.
[7]Ireo zanaka lahy naterakao, izay efa notaizainao—ho alainy izy ireo, ary ho lasa tandapa ao amin'ilay lapan'ny mpanjakan'i Babylona izy ireo.'"[8]Avy eo Hezekia niteny tamin'Isaia hoe: "Tsara ny tenin'i Yaveh izay efa noresahinao." Fa nihevitra izy hoe: "Hisy fiadanana sy fahamarinan-toerana amin'ny androko."

40 [1]"Hampaherezo, hampaherezo ny vahoakako," hoy ny Andriamanitrareo.[2]"Miresaha mora amin'i Jerosalema; ary hambarao aminy fa efa nitsahatra ny adiny, fa voavela ny helony, fa efa nandray avo roa heny teny an-tanan'i Yaveh izy tamin'ny fahotany rehetra."
[3]Nisy feo niantso mafy hoe: "Omano ny lalan'i Yaveh any an'efitra; manaova lalam-be mahitsy any amin'ny tany foana ho an'ny Andriamanintsika." [1][4]Ny lohasaha rehetra dia hasandratra, ary ny tendrombohitra sy havoana rehetra dia hankarina; ary ny tany mideza ho lembalemba, ary ireo tany saro-dalana ho tonga lemaka;[5]ary ny voninahitr'i Yaveh dia ho ampahafantarina, ary ny vahoaka rehetra hiaraka hahita izany; fa ny vavan'i Yaveh no niteny izany.
[6]Nisy feo nanao hoe: "Antsoy." Nisy iray namaly hoe: "Inona no antso tokony ataoko?" "Ny nofo rehetra dia ahitra, ary ny fifaneken'izy ireo dia toy ny voninkazo eny an-tsaha.[7]Maina ny ahitra ary malazo ny voninkazo rehefa mitsoka eo amin'izany ny fofon'ain'Andriamanitra; azo antoka fa ahitra ny olombelona.[8]Maina ny ahitra, malazo ny voninkazo, fa ny tenin'ny Andriamanintsika dia haharitra mandrakizay."
[9]Miakara eny amin'ny tendrombohitra avo, ry Ziona, mpitondra vaovao mahafaly. [2]Manandrata feo mafy, ry Jerosalema. Ianao izay mitondra ireo vaovao mahafaly, asandrato ny feonao, aza matahotra. [3]Lazao amin'ireo tanànan'i Joda hoe: "Io no Andriamanintrareo!"[10]Indro, ny Tompo Yaveh tonga toy ny lehilahy mpiady nivoaka mpandresy, ary ny sandriny mahery no hanapaka ho azy. Indro, ny valisoany miaraka aminy, ary ireo izay navotany dia mandeha eo anoloany.
[11]Hamahana ny ondry aman'osiny toy ny mpiandry ondry Izy, hanangona ireo ondry eo an-tsandriny Izy, ka hilanja ireo ao am-pony, ary hitarika amin-katsaram-panahy ireo ondry vavy mampinono ireo zanany.
[12]Iza no nandrefy ny rano teo am-pelantanany, nandrefy ny lanitra tamin'ny zehin'ny tanany, nihazona ny vovon-tany tanaty harona, nandanja ny tendrombohitra tamin'ireo fandanjana, na ireo havoana tamin'ny mozana?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Iza no efa nahatakatra ny eritreritr'i Yaveh, na nanoro lalana Azy toy ny mpanolotsainy?[14]Avy amin'iza no efa nandraisany toro-lalana? Iza no nampianatra Azy ny fomba fanaovana zavatra amin'ny tokony ho izy, ary nampianatra Azy fahalalana, na nampiseho Azy ny fomba fahatakarana?
[15]Indro, ireo firenena dia toy ny rano indray mitete anaty siny, ary noraisina toy ny vovoka eo ambonin'ny fandanjana; indro, lanjainy toy teboka bitika ireo nosy.[16]Libanona dia tsy ampy ho dorana, na ireo bibidiany tsy ampy atao fanatitra dorana.[17]Ny firenena rehetra dia tsy feno eo anatrehany; ireo dia noraisiny toy ny tsy misy.
[18]Amin'iza izany no hampitahainareo amin'Andriamanitra?[19]Sampy! namolavola izany ny mpanao asa-tanana: ny mpanefy volamena dia nanao takela-bolamena sy nanefy rojo volafotsy ho an'izany.[20]Mba hanaovana fanatitra dia misy iray mifidy hazo tsy mety lo; mitady mpanao asa-tanana mahay izy mba hanao sampy izay tsy mety mirodana.
[21]Tsy fantatrareo ve? Tsy mbola henonareo ve? Tsy efa nolazaina taminareo tany am-piandohana ve izany? Tsy efa takatrareo ve izany tamin'ny fanorenana ny tany?[22]Izy ilay tokana mipetraka ambonin'ny habakabaky ny tany; ary ny mponina dia toy ny valala eo anatrehany. Nandrovitra ny lanitra toy ny lamba Izy ary nanaparitaka ireo toy ny lay hipetrahana.
[23]Nampihena ireo mpanapaka toy ny tsy misy Izy ary nanao ireo mpanapaky ny tany ho tsy misy dikany.[24]Vao novolena izy ireo, vao nafafy, ny sampan'ireo dia vao namaka tamin'ny tany, rehefa nitsoka teo amin'izy ireo Izy ka nalazo ireo, ary nentin'ny rivotra toy mololo izy ireo.
[25]Amin'iza izany no hampitahainao Amiko, iza no mitovy Amiko?" hoy Ilay Masina.[26]Jereo ny lanitra! Iza no namorona ireo kintana rehetra ireo? Mamoaka azy ireo amin'ny filaharany Izy ary miantso azy rehetra amin'ny anarany. Tamin'ny halehiben'ny heriny sy tamin'ny tanjaky ny fahefany, dia tsy nisy iray tsy nipoitra.
[27]Nahoana ianao, ry Jakoba, no niteny sy nanambara tamin'Israely hoe: "Ny lalako dia miafina amin'i Yaveh, ary ny Andriamanitro dia tsy voakasiky ny fahamarinako?"[28]Tsy fantatrareo ve? Tsy renareo ve? Ilay Andriamanitra maharitra mandrakizay, Yaveh, ilay namorona ireo vazan-tany, dia tsy vizana na reraka; tsy misy fetrany ny fahalalany.
[29]Manome hery ny reraka Izy; ary manome hery vao ho an'izay marary.[30]Na ny tanora aza dia ho lasa vizana sy reraka, ary ireo zatovo dia ho tafintohina ka hianjera:[31]Fa ireo izay miandry an'i Yaveh dia hanavao ny herin'izy ireo; hanidina amin'ny elatra toy ny voromahery izy ireo; hiazakazaka izy ireo ka tsy ho reraka; handeha izy ireo ary tsy ho torana.

---

[1]Fanamarihana: Misy amin'ireo dikan-teny moderina taloha manao hoe "Misy feo niteny mafy any an'efitra..."
[2]Fanamarihana: raha toa ka "Miakara eny amin'ny tendrombohitra avo, ry Ziona, mpitondra vaovao mahafaly" dia ireo dika-teny sasany manao hoe "Ianao izay mitondra vaovao mahafaly any Ziona, miakara eny amin'ny tendrombohitra avo
[3]Raha toa ka "Manandrata feo mafy, ry Jerosalema. Ianao izay mitondra ireo vaovao mahafaly" dia ny dika-teny sasany manao hoe "Torio amin'i Jerosalema ny vaovao mahafaly."

---

41 [1]"Mihainoa am-pahanginana manoloana Ahy, ianareo moron-tsiraka; aoka hanavao ny heriny ireo firenena; aoka izy ireo hanatona akaiky ary hiteny; aoka isika hiaraka hanakaiky mba hifandahatra sy hiady hevitra.[2]Iza no nanentana ny iray avy any atsinanana, niantso azy am-pahamarinana ho amin'ny fanompoany? Manolotra ny firenena ho azy Izy ary manampy azy handresy ireo mpanjaka. Mamadika azy ireo ho vovoka amin'ny sabany izy, tahaka ny mololo tsofin'ny rivotra amin'ny tsipíkany.
[3]Manenjika azy ireo izy ka tafita soa aman-tsara, tamin'ny lalana tsara izay tsy nodiavin'ny tongony.[4]Iza no nanao sy nahavita ireo asa ireo? Iza no nampiantso ireo taranaka hatrany am-piandohana? Izaho, Yaveh, no voalohany, ary miaraka amin'ireo farany, Izaho no Izy.
[5]Nahita ireo nosy ka natahotra; miovitrovitra ny faran'ny tany; nanatona izy ireo ka tonga.[6]Samy manampy ny namany ny olon-drehetra, ary ny olona rehetra nifampiresaka hoe: 'Mahereza.'[7]Koa dia mampahery ireo mpanefy volamena ny mpandrafitra, ary izay miasa amin'ny tantanana mampahery izay miasa amin'ny riandriana, milazan'ny solohoto hoe: 'tsara izany.' Nofehezin'izy ireo tamin'ny fantsika izany mba tsy hihozongozona.
[8]Fa ianao, ry Israely, mpanompoko, ry Jakoba izay efa nofidiako, taranak'i Abrahama namako,[9]ianao izay haveriko avy amin'ny fiafaran'ny tany, ary izay nantsoiko avy tamin'ireo toerana lavitra, ary izay nolazaiko hoe: 'Mpanompoko ianao;' Efa nifidy anao Aho ary tsy nolaviko ianao.
[10]Aza matahotra, fa momba anao Aho. Aza mitebiteby, fa Izaho no Andriamanitrao. Hampatanjahako ianao, ary hanampy anao Aho, ary hanohana anao amin'ny tanako ankavana marina Aho.
[11]Indro, ho menatra sy ho afa-baraka, ireo rehetra izay tezitra taminao; ho toy ny tsy misy dikany izy ireo ary ho faty, ireo rehetra izay manohitra anao.
[12]Hitady ianao nefa tsy hahita ireo izay nifandahatra taminao; ireo izay niady taminao dia ho toy ny tsy misy dikany, tena tsy misy dikany.[13]Fa Izaho, Yaveh Andriamanitrao, no hiazona ny tananao ankavanana, milaza aminao hoe: 'Aza matahotra; fa hanampy anao Aho.'
[14]Aza matahotra, ianao ry Jakoba kankana, ary ianareo olon'ny Israely; fa hanampy anareo aho—izany no fanambaran'i Yaveh, mpanavotra anareo, ilay Iray Masin'Israely.[15]Indro, ataoko ho toy ny kodia vy maranitra ianao, vao sady roa-lela; hamely ireo tendrombohitra ianao ary hanorotoro ireo; hataonao ho toy ny akofa ireo havoana.
[16]Hikororoka azy ireo ianao, ary ny rivotra hitondra azy ireo hiala; hanaparitaka azy ireo ny rivotra. hiravoravo amin'i Yaveh ianao, hiravoravo amin'ny ilay Iray Masin'Isarely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Mitady rano ireo ory sy mahantra, kanefa tsy misy, ary ny lelan'izy ireo dia ho maina nohon'ny hetaheta; Izaho, Yaveh, no hamaly ny vavak'izy ireo; Izaho, Ilay Andriamanitr'Israely, dia tsy hahafoy azy ireo.[18]Hahatonga ny renirano hikoriana amin'ny hantsana Aho, ary loharano eo afovoan'ny lohasaha; hataoko dobon-drano ny tany hay, ary ny tany maina ho loharano.
[19]Any amin'ny tany efitra no hametrahako ireo sedera, akasia, rotra, ary ny hazon'Oliva. Hametraka ny kypreso eny amin'ny lemaky ny tany hay, miaraka amin'ireo kesika sy ireo hazo kypreso Aho.[20]Hanao izany Aho mba hahita, hanaiky, ary hiara-hahatakatra ny olona, fa ny tanan'i Yaveh no nanao izany, ary ilay Iray Masin'Israely no namorona izany.
[21]"Iazao ny mahakasika anao," hoy i Yaveh, "asehoy ny hevitrao tsara indrindra ho an'ireo sampinao," hoy ny Mpanjaka an'i Jakoba.[22]Aoka izy ireo hitondra ny hevitr'izy ireo manokana; asaivo mandroso izy ireo ary ambarao aminay izay hiseho, mba hahafantaranay tsara ireo zavatra ireo. Asaivo ambaran'izy ireo aminay ireo fanambarana voavina mialoha, mba hahafahanay manao azy ireo ho fitaratra sy hahafantaranay ny fomba nahatanterahan'ireny
[23]Lazao ireo zavatra momba ny ho avy, mba hahafantaranay fa andriamanitra ianareo; manaova zavatra tsara na ratsy, mba hahatahotra sy hiaky volana izahay.[24]Indro, tsy misy dikany ianareo sampy ary ny asanareo dia tsy misy dikany; ilay iray izay nifidy anareo dia maharikoriko.
[25]Efa nanangana iray avy any avaratra Aho, ary tonga izy; avy any amin'ny fiposahan'ny masoandro no hiantsoako izay miantso ny anarako, ary hanitsaka ireo mpanapaka toy ny fotaka izy, toy ny mpanefy tanimanga manitsakitsaka ny tanimanga.[26]Iza no nanambara izany hatrany am-piandohana, mba hahafantaranay? Alohan'izany fotoana izany, mba hilazanay hoe: "Marina izy"? Eny tokoa, tsy nisy nanao izany ho lalàna izy ireo, eny, tsy nisy naheno anareo nilaza zavatra.
[27]Hoy Aho tamin'i Ziona tamin'ny voalohany: 'Indro indreto izy ireo;" nandefa mpitondra hafatra tany Jerosalema Aho.
[28]Rehefa mijery aho, dia tsy misy na iza na iza, na ny iray eo amin'izy ireo izay afaka manome toro-hevitra tsara, izay, afaka hamaly teny, rehefa manontany Aho.[29]Indro, tsy misy dikany izy rehetra, ary ny asan'izy ireo dia tsy misy dikany; rivotra sy zava-poana ny sary an'idin'izy ireo.

42 [1]Indro, ny mpanompoko, izay tantanako; ilay nofidiko, ao aminy no andraisako sitraka. Efa napetrako teo aminy ny Fanahiko; hitondra rariny eo amin'ireo firenena izy.[2]Tsy hitaraina na hihiaka izy, na hanao ny feony ho re eny an-dalana.
[3]Tsy ho tapahiny ny volotara torotoro, ary tsy ho vonoany ny afon'ny jiro mirehitra: hanatanteraka ny rariny amim-pahatokiana izy.[4]Tsy hitombo harerahana izy na ho kivy mandra-pametrahany ny rariny ety ambonin'ny tany; ary ny tany amorontsiraka hiandry ny lalàny.
[5]Izao no lazain'Yaveh Andriamanitra__izay namorona ny lanitra ary nanenjana ireo, ilay nanao ny tany sy izay rehetra vokariny, izay manome fofonaina ho an'ny olona amin'izany ary fianana ho an'ireo izay miana eo amin'izany hoe:[6]"Izaho, Yaveh, efa niantso anao tamin'ny fahamarinana ary hihazona ny tananao. Hiambina anao Aho ary hametraka anao toy ny fanekena ho an'ny olona, tahaka ny fahazavana ho an'ireo Jentilisa,
[7]mba hanokatra ny mason'ny jamba, mba hanafaka ireo voafonja ao amin'ny trano maizina, ary avy amin'ny trano fonenan'ireo izay mipetraka ao amin'ny aizina.
[8]Izaho no Yaveh, izany no anarako; ary ny voninahitro tsy ho zaraiko amin'ny hafa na ny fiderana Ahy ho amin'ny sampy voasikotra.[9]Indro, efa lasa ny zavatra taloha, ankehitriny hanambara zava-baovao aminareo Aho. Mialohan'ny hanomboan'ireo dia hiteny anareo mahakasika ireo Aho."
[10]Mihirà hira vaovao ho an'i Yaveh, ary ny fiderany hatrany amin'ny faran'ny tany; ianareo izay midina any amin'ny ranomasina, sy izay rehetra ao aminy, ireo tany amorontsiraka, ary ireo izay mivelona any.[11]Aoka hitaraina ny efitra sy ireo tanàna, ny tanàna izay honenan'i Kedara, dia hihiaka amin'ny fifaliana! Aoka hihoby ny mponin'i Sela; aoka hihiaka avy eo an-tampon- tendrombohitra izy ireo.
[12]Aoka hanome voninahitra an'i Yaveh izy ireo ary hanambara ny fiderany amin'ny tany amorontsiraka.[13]Hivoaka tahaka ny mpiady i Yaveh; tahaka ny lehilahin'ady hamporisin'ny zotom-pony Izy. Hihiaka Izy, eny, hierona amin'ny hiakan'adiny Izy; hasehony ny fahavalony ny heriny.
[14]Efa nangina Aho hatrizay; efa nangina Aho ary nifehy ny tenako; ankehitriny hitaraina toy ny vehivavy miteraka Aho; miehakehaka tsy avy miaina.[15]Hataoko lao ny tendrombohitra sy ny havoana ary hanamaina ny zava-maniriny rehetra; ary hamadika ny ony ho nosy Aho ary hanamaina ny farihy.
[16]Hitondra ny jamba amin'ny lalana izay tsy fantatr'izy ireo Aho; amin'ny lalana izay tsy fantatr'izy ireo no hitarihako azy ireo. Hamadika ny aizina ho mazava eo anoloan'izy ireo Aho, ary hanao ny toeranan'ny meloka ho marina. Ireo zavatra ireo no hataoko, ary tsy handao azy ireo Aho.
[17]Hiverina izy ireo, ary ho afa-baraka tanteraka, ireo izay matoky ny sarin-javatra voasokitra, izay milaza ny sarin-javatra narendrika tamin'ny vy hoe: "Ianareo no andriamanitray."
[18]Mihainoa, ianareo ry marenina; ary mijere, ianareo jamba, mba hahita.[19]Iza no jamba nefa mpanompoko? Na marenina toy ny mpitondra hafatra niraiko? Iza no jamba tahaka ny sakaizam-panekeko, na marenina tahaka ny mpanompon'i Yaveh?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Maro ny zavatra hitanareo, saingy tsy takatrareo; manongilan-tsofina, nefa tsy misy mandre.[21]Nahafaly an'i Yaveh ny midera ny fahamarinany ary ny manome voninahitra ny lalàny.
[22]Nefa ity dia vahoaka nangalarana sy voaroba; voafandrika any amin'ny lavaka avokoa izy ireo, notanana ho babo tao am-ponja; efa lasa voaroba izy ireo ka tsy misy na iza na iza hanavotra azy, ary tsy misy miteny hoe: "Avereno izy ireo!"
[23]Iza aminareo ireo no hihaino izany? Iza no hihaino sy handre amin'ny ho avy?[24]Iza no nanome an'i Jakoba ho an'ireo jiolahy, ary ny Israely ho amin'ny mpandroba? Moa ve izany tsy i Yaveh, izay efa nanotantsika, izay nolavin'izy ireo andehanana ny lalany, ary izay nolavin'izy ireo harahina ny lalàny?
[25]Noho izany dia nararany tamin'izy ireo ny firehetan'ny fahatezerany, mbamin'ny fandravan'ny ady. Niredareda nanodidina azy ireo izany, nefa tsy nahafantatra izany izy ireo; ka nandoro azy ireo izany, nefa tsy noraisin'izy ireo am-po izany.

43 [1]Fa ankehitriny dia izao no lazain'i Yaveh, Izy izay namorona anao, ry Jakoba, ary Izy izay nanamboatra anao, ry Israely: "Aza matahotra, fa efa nanavotra anao Aho; efa niantso anao tamin'ny anaranao Aho, Ahy ianao."
[2]Raha mandeha mamakivaky ny rano ianareo, dia ho eo aminareo Aho; ary amin'ireo renirano, dia tsy hanafotra anareo ireny. Rehefa mandeha mamakivaky ny afo ianareo dia tsy ho may, ary tsy handrava anareo ny lelafo.[3]Fa Izaho no Yaveh Andriamanitrareo, ilay Iray Masin'Israely, Mpamonjinareo. Nomeko ho toy ny vidim-panavotanareo i Egypta, i Etiopia sy i Seba ho takalonareo.
[4]Fa sarobidy sy miavaka eo imasoko ianareo, tiako ianareo; noho izany dia hanome olona ho takalonareo Aho, ary vahoaka hafa ho takalon'ny ainareo.[5]Aza matahotra, fa momba anareo Aho; hitondra ny taranakareo avy any atsinanana Aho, ary hanangona anareo avy any andrefana.
[6]Hilaza amin'ny avaratra Aho hoe:' Afaho izy ireo', ary amin'ny atsimo hoe:' Aza misy tazonina;' Ento avy any lavitra ireo zanako lahy, ary ireo zanako vavy avy any amin'ireo faritany lavitry ny tany,[7]ny tsirairay izay nantsoina tamin'ny Anarako, izay nohariako ho an'ny voninahitro, izay namboariko, eny, izay nataoko.
[8]Avoahy ireo olona izay jamba, na dia mana-maso aza izy ireo, sy ireo marenina, na dia manan-tsofina aza izy ireo.
[9]Miara-miangona ny firenena rehetra, ary mivory ny vahoaka. Iza amin'izy ireo no afaka nanambara izany sy nanambara taminay ireo tranga teo aloha? Aoka izy ireo hitondra ny vavolombelony mba hanaporofo marina azy ireo, aoka izy ireo hihaino sy hanamafy hoe:' Marina izany.'
[10]Manambara i Yaveh hoe: "Ianareo no vavolombeloko, ary mpanompoko izay nofidiako, ka tokony hahafantatra sy hino Ahy ianareo, ary hahatakatra fa Izaho no Izy. Tsy nisy andriamanitra voaforona talohako, ary tsy hisy ao aoriako.[11]Izaho, Izaho no Yaveh, ary tsy misy Mpamonjy ankoatra Ahy.
[12]Efa nanambara Aho, namonjy, ary nanambara am-pahibemaso, ary tsy misy andriamani-kafa eo aminareo. Ianareo no vavolombeloko," hoy i Yaveh," Izaho no Andriamanitra.[13]Hatramin'io andro io dia Izaho no Izy, ary tsy misy afaka manavotra an'iza na iza eo tanako. Miasa Aho, ary iza no afaka hamadika izany?"
[14]Izao no lazain'i Yaveh, Mpanavotra anareo, ilay Iray Masin'Israely: "Fa noho ny aminareo no handefasako any Babylona sy hitarihako azy ireo rehetra hidina toy ny mpandositra, hamadihana ny fanehoan'ireo Babyloniana hafaliana ho hiram-pitomaniana.[15]Izaho no Yaveh, ilay Iray Masinareo, Mpamorona an'Israely, Mpanjakanareo."
[16]Izao no lazain'i Yaveh(izay nanokatra lalana namakivaky ny ranomasina sy lalana teo amin'ny rano mahery,[17]izay namoaka ny kalesy sy ny soavaly, ny tafika sy ny miaramila mahery. Niara-lavo izy ireo; tsy hitsangana intsony izy ireo; maty izy ireo, mitsilopilopy tahaka ny lahin-jiro.)
[18]"Aza mieritreritra momba ireny zavatra taloha ireny, na mahatsiaro ireo zavatra taloha efa ela.[19]Indro, Izaho efa manao zava-baovao; efa hanomboka mitranga izany ankehitriny; tsy mahalala izany ve ianareo? Hanao lalana any an-tany efitra sy rian-drano any an-tany karakaina Aho.
[20]Hanome voninahitra Ahy ny bibidia an-tsaha, ireo amboadia sy ireo ostritsa, satria manome rano any an-tany karakaina Aho, ary renirano any an-tany efitra, mba hosotroin'ny vahoaka voafidiko,[21]ireo vahoaka izay novolavolaiko ho Ahy ihany, fa mety hitantara ny fiderana Ahy izy ireo.
[22]Fa tsy niantso Ahy ianao, ry Jakoba; reraka ny Amiko ianao, ry Israely.[23]Tsy mba nitondra tamin'ireo ondrinareo ho fanatitra dorana ho Ahy ianareo, na nanome voninahitra Ahy tamin'ireo soronareo. Tsy nanavesatra anareo tamin'ny fanatitra vary Aho, na nanasatra anareo tamin'ny fangatahana ditin-kazo manitra.
[24]Tsy nividy veromanitra ho Ahy tamin'ny vola ianareo, na nandraraka Tamiko ny jaboran'ireo soronareo; fa nanavesatra Ahy tamin'ny fahotanareo ianareo; nanasatra Ahy tamin'ireo asa ratsinareo.
[25]Izaho, eny, Izaho, no Ilay mamono ny fandikan-dalànareo noho ny Amiko ihany; ary tsy hahatsiaro ireo fahotanareo intsony Aho.[26]Ampahatsiahivo Ahy izay nitranga. Aoka isika hiara-hifandahatra; asehoy ny hevitrareo, fa mety ho voaporofo ho tsy manan-tsiny ianareo.
[27]Nanota ny rainareo voalohany, ary nikomy tamiko ireo loholonareo.[28]Noho izany dia holotoiko ireo manam-pahefana masina; hanao an'i Jakoba ho ringana tanteraka Aho, ary i Israely amin'ny fanalam-baraka mahery setra."

44

[1]Mihainoa ankehitriny, ry Jakoba mpanompoko, sy ry Israely, izay nofidiako:[2]Izao no lazain'i Yaveh, Izy izay nanao anao sy namolavola anao tao am-bohoka sy izay hamonjy anao hoe: "Aza matahotra, ry Jakoba mpanompoko; sy ianao, ry Jesorona, izay nofidiako.
[3]Fa handatsaka rano amin'ny tany mangetana, sy rian-doharano amin'ny tany maina Aho; handatsaka ny Fanahiko amin'ny zanakao Aho, ary ho amin'ireo zanakao ny fitahiako.[4]Hitsimoka eo amin'ny ahitra, tahaka ny hazomalahelo eo akaikin'ny rian-drano izy ireo.
[5]Ny iray hiteny hoe: 'An'i Yaveh aho', ary ny hafa hiantso mafy ny anaran'i Jakoba, ary ny hafa hanoratra eo amin'ny tanany hoe: 'An'i Yaveh', ka hiantso ny tenany amin'ny anaran'i Israely."
[6]Izao no lazain'i Yaveh— ilay Mpanjakan'ny Israely sy Mpanavotra azy, dia Yaveh Tompon'ny maro: "Izaho no voalohany, ary Izaho no farany; ary tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho.
[7]Iza no tahaka Ahy? Aoka izy hilaza izany ka hanazava Amiko ireo zavatra izay nitranga hatramin'ny nanorenako ny vahoakako taloha, ary aoka izy ireo hanambara ireo zavatra ho avy.
[8]Aza matahotra na miahiahy. Moa ve Aho tsy efa nanambara taminareo tany aloha tany, ka nilaza izany? Vavolombeloko ianareo: Moa ve misy Andriamanitra afa-tsy Izaho? Tsy misy Vatolampy hafa; tsy mahafantatra na iray aza Aho."
[9]Ny rehetra izay mamboatra sampy dia tsinontsinona; zava-poana ireo zavatra ankasitrahany; ny vavolombelon'izy ireo dia tsy mahita na mahalala na inona na inona, ary halaim-baraka izy ireo.[10]Iza no hamolavola andriamanitra na hanamboatra sampy izay zava-poana?
[11]Indro, ny mpiara-miasa aminy rehetra dia halaim-baraka avokoa; ireo mpanao asa tanana dia olona ihany. Aoka izy ireo hiara-hijoro; hatahotra izy ireo ary halaim-baraka.
[12]Ny mpanefy dia miasa amin'ireo fitaovany, mamolavola izany, miasa amin'ny arina. Mamolavola izany amin'ny tantanana ary miasa izany amin'ny sandriny mahery izy. Noana izy, ka mihena ny tanjany, tsy misotro rano izy ka manjary reraka.
[13]Mandrefy ny hazo amin'ny fitsipihana ny mpandrafitra, ary misokitra izany amin'ny fandraka. Mamolavola izany amin'ireo fitaovany izy ary manamarika izany amin'ny kompà. Mamolavola izany ho toy ny endrik'olona izy, tahaka ny olombelona manintona, mba hipetraka ao an-trano izany.
[14]Manapaka sedera izy, na mifidy hazon-kypreso na hazo terebinta. Maka hazo any an'ala ho azy izy. Mamboly kesika izy ary mampaniry izany ny orana.
[15]Dia ampiasain'ny olona hampirehetana afo sy hamindroana izany. Eny, mandrehitra afo izy ka manao mofo. Dia manao andriamanitra amin'izany izy ka miankohoka amin'izany; manao sampy izy ka miankohoka amin'izany.[16]Mandoro ny sasany amin'ny hazo hampirehetana afo izy, mitono ny henany amin'izany. Mihinana izy ka afa-po. Mamindro izy ka manao hoe: "Aha, mafana aho, efa nahita afo aho."
[17]Amin'ny hazo sisa tavela no anamboarany andriamanitra, ny sariny voasikotra; miankohoka eo amin'izany izy sady manaja izany, ary mivavaka amin'izany manao hoe: "Avoty aho, fa ianao no andriamanitro."
[18]Tsy mahafantatra, na mahatakatra izy ireo, fa jamba ny mason'izy ireo ka tsy mahita, ary tsy mahalala ny fon'izy ireo.
[19]Tsy misy mihevitra, na mahazo izy ireo ka manao hoe: "Efa nandoro ny sasany tamin'ny hazo tao anatin'ny afo aho; eny, efa nanao mofo teo ambonin'ny ariny ihany koa aho. Efa nitono hena teo amin'ny arina aho ka nihinana. Ankehitriny, tokony hanao zavatra maharikoriko amin'ny hazo hafa sasany mba ho tompoina ve aho? Tokony hiankohoka amin'ny vatan-kazo ve aho?"
[20]Tahaka ny hoe mihinana lavenona izy; mampivily azy ny fony voafitaka. Tsy afa-mamonjy ny tenany izy, na manao hoe izy: "Ity zavatra eto an-tanako havanana ity dia andriamani-tsy izy."
[21]Hevero ny momba ireo zavatra ireo, ry Jakoba, sy ry Israely, fa mpanompoko ianao: efa namolavola anao Aho; mpanompoko ianao: ry Israely, tsy ho adinoko ianao.[22]Novonoiko, tahaka ny raho-matevina, ireo asa fikomianao, ary tahaka ny rahona, ireo fahotanao; miverena Amiko, fa efa nanavotra anao Aho.
[23]Mihirà, ianareo ry lanitra, fa Yaveh no nanao izany; mikiaha, ianareo ry halalin'ny tany. Mihobia amin'ny fihirana, ianareo ry tendrombohitra, ianao ry ala mbamin'ny hazo rehetra ao; fa efa navotan'i Yaveh i Jakoba, ka hahita ny voninahiny ao Israely.
[24]Izao no lazain'i Yaveh, Mpanavotra anao, Izy izay namolavola anao hatrao am-bohoka: "Izaho no Yaveh, izay nanao ny zavatra rehetra, izay Izaho irery no nanenjana ny lanitra, izay Izaho irery no nanamboatra ny tany.[25]Izaho izay manafoana ny famantaran'ireo mpiteniteny foana sy izay manala-baraka ireo izay mamaky famantarana; Izaho izay mandrava ny fahendren'ny hendry sy manao ny torohevitr'izy ireo ho adalana.
[26]Izaho, Yaveh, izay nanamafy ireo tenin'ny mpanompony ary mampandalo ireo faminanian'ireo iraka, izay milaza amin'i Jerosalema hoe: 'Honenana izy', ary an'ireo renivohitr'i Joda hoe: 'Hatsangana indray izy ireo, ary hanarina ny faharavany Aho';[27]izay milaza amin'ny ranomasina lalina hoe: 'Aoka ho ritra, ary ho ritraiko ireo oninao.'
[28]Yaveh Ilay izay miteny an'i Kyrosy hoe: 'Izy no mpiandry ondriko, hanao ny faniriako rehetra Izy, handidy ny amin'i Jerosalema Izy hoe: 'Hatsangana indray izy' ary ny amin'ny tempoly hoe: 'Aoka haorina ireo fototrao.'"

45

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Izao no lazain'i Yaveh amin'ilay voahosony, amin'i Kyrosy, izay tazoniko amin'ny tanany ankavanana, mba haharesy ireo firenena eo anatrehany, mba hampilavo lefona ny mpanjaka, ary mba hanokatra ny varavarana eo anoloany, mba hijanona hisokatra ireo vavahady.
[2]"Handeha eo anoloanao aho ary hampahitsy ireo tendrombohitra; ho tapatapahako ireo varavarana varahina ary ho potipotehiko ireo bara vy,[3]ary homeko anao ireo haren'ny aizina sy ny harena niafina, mba hahafantaranao fa Izaho, Yaveh, no miantso anao amin'ny anaranao, dia Izaho, ilay Andriamanitr'Israely.
[4]Noho ny amin'i Jakoba mpanompoko, sy Israely voafidiko, dia niantso anao tamin'ny anaranao Aho: nanome anao anaram-boninahitra, na dia tsy nahafantatra Ahy aza ianao.[5]Izaho no Yaveh, ary tsy misy hafa; tsy misy Andriamanitra ankoatra Ahy. Izao no ampisikina anao ho amin'ny ady, na dia tsy nahafantatra Ahy aza ianao;[6]mba hahafantaran'ny olona hatrany amin'ny fiposahan'ny masoandro, ka hatrany andrefana, fa tsy misy andriamanitra ankoatra Ahy: Izaho no Yaveh, ary tsy misy hafa.
[7]Izaho no nanao ny mazava ary nahary ny aizina; izao no mitondra fiadanana ary mahatonga loza; Izaho no Yaveh, izay manao izany zavatra rehetra izany.[8]Ianareo ry lanitra, aoka hanorana avy any ambony! Aoka ny habakabaka hanorana fahamarinana. Aoka ny tany hitroka izany, mba hitsimoka miaraka amin'izany ny famonjena, ary hiara-hitsiry amin'izany ny fahamarinana. Izaho, Yaveh, no nahary azy ireo.
[9]Loza ho an'izay rehetra miady amin'izay nanao azy, amin'izay toy ny vilany tany eo anivon'ireo vilany tany hafa eo amin'ny tany ihany! Moa ve ny tanimanga mba miteny amin'ny mpanefy tanimanga hoe: 'Inona izato amboarinao?' na 'Tsy mahafehy izany ny asanao'?
[10]Loza ho an'izay miteny amin'ny ray hoe: 'Inona ity aterakao?' na amina vehivavy hoe: 'Inona ity avoakanao?'
[11]Izao no lazain'I Yaveh, ilay Iray Masin'Israely, Mpahary azy: 'Nahoana ianao no mametra-panontaniana ny amin'izay ataoko ho an'ny zanako? Miteny amiko izay tokony hatao mahakasika ireo asan'ny tanako ve ianao?
[12]'Izaho no nanao ny tany ary nahary ny olona teo amin'izany. Ny tanako no namelatra ny lanitra, ary Izaho no nandidy ny kintana rehetra mba hipoitra.
[13]Izaho no nanentana an'i Kyrosy tamin'ny fahamarinana, ary izaho no hanalama ny lalany rehetra. Izy no hanangana ny tanànako; izy no hampody ireo oloko sesitany, ary tsy misy vidiny na kolikoly,'" hoy i Yaveh tompon'ny maro.
[14]Izao no lazain'i Yaveh: "Ny fidiram-bolan'i Egypta sy ny entam-barotr'i Etiopia mbamin'ireo Sabeana, izay olona lava ranjanana, dia ho entina eo aminao. Ho anao ireo. Hanaraka anao ireny, handeha miaraka amin'ny gadra vy. Hiankohoka eo aminao ireny ka hifona aminao hanao hoe: 'Miaraka aminao tokoa Andriamanitra, ary tsy misy hafa ankoatra Azy.'"[15]Marina tokoa fa Ianao no Andriamanitra izay manafina ny tenanao, ry Andriamanitr'Israely, Mpamonjy.
[16]Hiara-menatra sy ho afa-baraka avokoa ireny; ireo izay manao sampy voasokitra dia handeha amin'ny fahafaham-baraka.[17]Fa ho avotan'i Yaveh amin'ny famonjena mandrakizay Israely; tsy ho menatra na ho afa-baraka intsony ianao.
[18]Izao no lazain'i Yaveh, izay nahary ny lanitra, ilay Andriamanitra marina izay nahary ny tany sy nanao izany, izay nanorina izany. Izy no nahary izany, tsy tahaka ny fakofako, fa nataony mba ho azo hipetrahana: "Izaho no Yaveh, ary tsy misy hafa.
[19]Tsy niteny mangingina, tany amin'ny toerana miafina Aho; tsy mba niteny tamin'ny taranak'i Jakoba Aho hoe: 'Tadiavo fahatany Aho!' Izaho no Yaveh, izay miteny marina; zavatra marina no ambarako.
[20]Vorio ny tenanareo ka avia! Miaraha-miangona, ianareo mpitsoa-ponenana avy any amin'ireo firenena! Tsy mba manam-pahalalana, ireo izay mitondra sary voasokitra sy mivavaka amin'ny andriamanitra izay tsy afa-mamonjy.
[21]Manakaikeza ary ambarao amiko izany, ento ny porofo! Aoka izy ireo hiara-hikononkonona. Iza no nampiseho izany hatry ny ela? Iza no nitory izany? Tsy Izaho Yaveh ve? Tsy misy Andriamanitra afa-tsy Izaho, dia Andriamanitra marina sady Mpamonjy; tsy misy hafa ankoatra ahy.
[22]Miverena amiko ary aoka ho voavonjy, ry faran'ny tany rehetra; fa Izaho no Andriamanitra ary tsy misy ankoatra Ahy.
[23]Mianiana amin'ny tenako Aho, milaza ny lalàna mariko, ary tsy hihemotra izany: 'Amiko no hitolefika ny lohalika rehetra, ary hianiana ny lela rehetra.
[24]Hilaza ny Amiko izy ireo hoe: "Ao amin'i Yaveh irery ihany ny famonjena sy ny hery."'" Ho menatra avokoa ireo izay tezitra aminy.[25]Ao amin'i Yaveh no hanamarinana ny taranak'Israely rehetra; ao aminy no hireharehan'izy ireo.

46 [1]Miankohoka i Bela, mitanondrika i Nebo; ireo sampin'izy ireo dia entin'ny biby fiompy sy biby folahina. Ireo sampy izay entinareo ireo dia enta-mavesatra ho an'ny biby reraka.[2]Miara-miondrika izy ireo, miara-mandohalika; ka tsy mahavonjy ny entany, ary izy ireo dia efa lasan-ko babo.
[3]Henoy aho, ry taranak'i Jakoba, ry taranak'Israely sisa rehetra, izay efa nentiko mialohan'ny fahaterahanareo, efa nobabeko hatrany am-bohoka.[4]Eny na dia amin'ny taom-pahanteranareo aza, dia tsy miova Aho, ary mandra-paha fotsy ny volonareo dia hitondra anareo Aho. Nahary anareo Aho ka hitrotro anareo; hitondra anareo Aho ary hanavotra anareo.
[5]Amin'iza no hampitahainareo Ahy? Iza no heverinareo fa mitovy amiko, ka azo ampitahaina izahay?[6]Nandraraka volamena avy ao anaty kitapo ny vahoaka ary nandanja izany teo amin'ny mizana. Manakarama mpanefy vy izy ireo, ary manamboatra izany ho andriamaniatra izy, miankohoka sy manompo izany izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Mampiakatra izany eo an-tsorony izy ireo ka mitondra izany, mametraka izany eo amin'ny toerany izy ireo, mijoro eo amin'ny toerany izany ary tsy mihetsika eo. Mitaraina amin'izany izy ireo, kanefa tsy afaka mamaly na mamonjy na iza na iza amin'ny lozany izany.
[8]Hevero ny momba ireo zavatra ireo; aza tsinontsinoavina ireo, ry mpikomy![9]Hevero ny momba ireo zavatra vao tsy ela, ireo tamin'ny fotoan-dasa, fa Izaho no Andriamanitra, ary tsy misy hafa, Izaho no Andriamanitra, ary tsy misy na iza na iza mitovy amiko.
[10]Ambarako any am-piandohana ny fiafarana, ary mialohan'izay mbola tsy niseho; Izaho manao hoe: "Ho tanteraka ny fikasako, ary hanao araka izay faniriako Aho."[11]Antsoiko avy any atsinana ny vorona mpiremby, ary ny olona voafidiko avy any amin'ny tany lavitra; eny, efa nolazaiko; ka ho tanterahiko; efa natolotro, ka hataoko ihany koa izany.
[12]Mihainoa Ahy, ianareo ry vahoaka mafy hatoka, izay lavitry ny fanaovana ny mahitsy.[13]Mampanakaiky ny fahamarinako Aho; tsy lavitra izany, ary tsy miandry ny famonjeko; ary hanome ny famonjena ho an'i Ziona sy ny hatsarako ho an'i Israely Aho.

47 [1]Midìna ka mipetraha eo amin'ny vovoka, ry zanaka vavy virjinin'i Babylona; mipetraha eo amin'ny tany tsy misy fiandrianana, ry zanaka vavin'ny Kaldeana. Tsy ho antsoina hoe kanto sy marefo intsony ianareo.[2]Raiso ny fikosoham-bary ka mitotoa vary; esory ny voalinareo, esory ny akanjo lavanareo, aboridano ny tongotrareo, ka miampità ny renirano.
[3]Hiseho ny fitanjahanareo, eny, ny henatrareo dia ho hita: hamaly faty Aho ary tsy hamindra fo amin'olona.[4]Ny Mpanavotra antsika, Yaveh tompon'ny maro no anarany, ilay Iray Masin'ny Israely.[5]Mitoera amin'ny mangina ary mandehana any amin'ny maizina, ry zanaka vavin'ny Kaldeana; fa ianareo dia tsy ho antsoina hoe andriam-bavin'ny fanjakana intsony.
[6]Tezitra tamin'ny vahoakako Aho; nandoto ny lovako Aho ary nanome ireo ho eo an-tananareo, kanefa tsy naneho fiantrana tamin'izy ireo ianareo; nametraka zioga mavesatra tamin'ny antitra ianareo.[7]Hoy ianareo hoe: "Hanapaka mandrakizay tahaka ny fiandrianan'ny andriambavy aho." Tsy nandray ireo zavatra ireo tamin'ny fo ianareo, na nihevitra izay ho fivadihany.
[8]Koa henoy izao ankehitriny, ianareo izay tia fahafinaretana sy mipetraka am-pilaminana; ianareo izay manao anakam-po hoe: "Misy aho, ary tsy misy tahaka ahy; tsy ho mananon-tena mihitsy aho, na hiaina ny fahaverezan-janaka mihitsy."[9]Fa ireto zavatra roa ireto dia ho avy tampoka aminareo ao anatin'ny iray andro: ho avy aminareo amin'ny fahafenoan-kery ny fahaverezan-janaka sy ny tsy fananam-bady intsony, na dia eo aza ny famosavianareo sy ireo fandraikiraikenareo ary ireo odinareo.
[10]Nahatoky ny faharatsianareo ianareo; hoy ianareo hoe: "Tsy misy mahita ahy"; ny fahendrenareo sy ny fahaizanareo no mitarika anareo any amin'ny lalan-diso, fa hoy ianareo manao anakam-po hoe: "Misy aho ary tsy misy na iza na iza mitovy amiko."[11]Handresy anareo ny loza; tsy hahavita handroaka izany ianareo sy ny fandraikiraikenareo. Ho ao aminareo ny fahapotehana; tsy hahavita hamafa izany ianareo. Hamely tampoka anareo ny loza, mialohan'ny hahafantaranareo izany.
[12]Mahareta amin'ny fanaovanareo fanozonana sy ny famosavianareo izay nataonareo tsianjery tamim-pahatokiana hatramin'ny fahazazanareo; mety hahomby ianareo, mety hatahotra loza ianareo.[13]Reraka ianareo nohon'ny fakan-kevitra; aoka hijoro ireo olona ireo ka hiaro anareo_ireo izay miandrandra ny lanitra sy mijery ny kintana, ireo izay manambara volana vaovao_aoka izy ireo hamonjy anareo amin'izay hiseho aminareo.
[14]Indro, ho lasa mololo izy ireo. Handoro azy ireo ny afo. Tsy hahavonjy ny ainy eo an-tanan'ny lelan'afo izy ireo. Tsy hisy vain'afo hanafana azy ireo ary tsy hipetraka akaikin'ny afo izy ireo![15]Izao no efa nahatonga azy ireo ho aminareo, ireo izay efa niara-niasa taminareo, ary niara-nividy sy niara-nivarotra taminareo fony tanora ianareo, ary izy rehetra dia mbola manao ny adalany ihany; ary rehefa miantso vonjy ianareo, dia tsy hisy na iza na iza afaka hamonjy anareo."

48 [1]Mihainoa izao, ry taranak'i Jakoba, izay nantsoina tamin'ny anaran'ny Israely, ary izay avy tamin'ny ranon'ain'i Joda; ianao izay mianiana amin'ny anaran'i Yaveh sy mangataka ny Andriamanitry ny Israely, nefa tsy tamin-kitsimpo na fomba marina.[2]Fa miantso ny tenany ho vahoakan'ny tanàna masina izy ireo ary matoky an'Andriamanitry ny Israely. Yaveh Tompon'ny maro no anarany.
[3]"Efa voalazako ny zavatra tamin'ny fahiny; naloaky ny vavako izy ireo, ary nampalaza azy ireo Aho; Ary tampoka no nanaovako azy ireo ary tonga mba andalo izy ireo.[4]Satria nahafantatra Aho fa be-dia-doha ianao, ny hozatry ny hatokao dia toy ny vy, ary ny handrinao dia toy ny varahina. Koa dia nambarako taminao mialoha izany zavatra izany,
[5]mialohan'ny isehoan'izany dia efa nampilaza anao Aho, koa tsy tokony hiteny ianao hoe: 'ny sampiko no efa nanao azy ireo,' na 'ny sari-sokitro sy sarin-javatro an'idina no nandidy izany zavatra izany.'
[6]Efa nandre izany zavatra izany ianao; jereo ny porofon'izany rehetra izany, ary ianao, tsy hanaiky ve ianao fa izay voalazako dia marina? Manomboka izao, mampiseho anao zava-baovao Aho, zava-miafina izay tsy mbola fantatrao.[7]Vao izao, ary tsy tamin'ny teo aloha, satria tonga izy ireo, ary talohan'ny androany dia tsy mbola naheno ny momba azy ireo ianao, koa tsy afaka ny hiteny ianao hoe, 'Eny, izaho mahafantatra azy ireo.'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Tsy mbola nahare mihintsy ianao; tsy nahalala ianao; izany zavatra izany dia tsy natao ho an'ny sofinao mialoha. Fa fantatro fa ianao dia tena mpamitaka, ary efa mpikomy hatrany an-kibo.
[9]Fa nohon'ny anarako dia leferiko ny fahatezerako, ary nohon'ny voninahitro no hisalasalako ny amin'ny fandravana anao.[10]Indro, voadioko ianao, nefa tsy toy ny volafotsy; efa nanadio anao tao amin'ny lafaoron'ny fahoriana Aho.
[11]Nohon'ny tenako, eny nohon'ny tenako no hanaovako izany; fa ahoana no amelako ny anarako ho fahafaham-baraka? Tsy homeko olon-kafa ny voninahitro.
[12]Mihainoa ahy, ry Jakoba, sy ry Israely, izay nantsoiko: Izao no izy; Izaho no voalohany, ary Izaho ihany koa no farany.
[13]Eny, ny tanako mametraka ny fanorenana eo amin'ny tany, ary ny tanan'ny olona marina hovelarina amin'ny lanitra; Rehefa miantso azy ireo Aho, dia miara-mitsangana izy ireo.
[14]Mivoria ianareo, ianareo rehetra, ary mihainoa! Iza teo aminareo no efa nanambara izany zavatra izany? Izay tian'i Yaveh no hanatanteraka ny tanjony hanohitra an'i Babylona. Hanatanteraka izay tian'i Yaveh hanoherana ireo Kaldeana.
[15]Izaho, efa niteny aho, eny, efa nampiantso azy Aho, efa nitondra azy Aho, ary hahomby izy.
[16]Makanesa eto akaikiko, mihainoa izao: Hatrany am-piandohana no efa tsy nitenenako tamin'ny mangingina; rehefa miseho izany, dia eto Aho." Ankehitriny Yaveh Tompon'ny maro no naniraka ahy, ary ny Fanahiny.
[17]Izao no nambaran'i Yaveh, mpanavotra anao, ilay Tokana Masin'ny Israely: "Izaho no Yaveh Andriamanitrao, izay mampianatra anao hahomby, izay mitarika anao amin'ny lalana izay tokony alehanao.[18]Raha mba efa nankatoa ny didiko ianao! Dia fiadananao sy fanambinanao no hikoriana toy ny ony, ary ny famonjenao dia toy ireo onjan-dranomasina.
[19]Tsy ho hita isa toy ny fasika ireo taranakao, ary ny zanaka aloaky ny kibonao hitovy isa toy ny sombim-pasika; ny anaran'izy ireo dia tsy ho tapaka na ho foana avy eo anoloako.
[20]Mivoaha hiala any Babylona! Mandosira ireo Kaldeana! Ambarao ami'ny feo hikiaka izany! Ataovy malaza izany, aelezo hatrany am-paran'ny tany izany! Lazao hoe: 'Efa nanavotra an'i Jakoba mpanompony i Yaveh,'
[21]Tsy nangetaheta izy ireo raha noentiny tany an'efitra; nampikoriana ny rano avy tamin'ny vatolampy ho azy ireo izy; nampitresaka ny vatolampy izy, ary niboiboika ireo rano.[22]Tsy misy fiadanana ho an'ny ratsy fanahy-hoy Yaveh."

49 [1]Mihainoa ahy, ianao ry nosy! Ankehitriny hevero aho, ianareo ry vahoaka alavitra. Efa nantsoin'i Yaveh hatramin'ny nahaterahako tamin'ny anarako aho, rehefa nitondra ahy hoe eto an-tany ny reniko.[2]Nataony tahaka ny sabatra maranitra ny vavako; nafeniny tao amin'ny aloky ny tanany aho; nataony toa ny zana-tsipìka voalangolango aho; tao an-tranon'ny zana-tsipìkany no nanafenany ahy.
[3]Niteny tamiko izy hoe: "Ianao no mpanompoko, Israely, izay hanehoako ny voninahitro."'[4]Fa namaly aho hoe: "Raha nihevitra aho hoe niasa tam-pikirizana, dia nandany ny heriko tamin'ny zava-poana aho, fa efa ao amin'ny Yaveh ny rariny izay ahy, ary ny valin'ny asako dia ao amin'Andriamananitro.
[5]Ankehitriny Yaveh dia miteny_Izy ilay namorona ahy hatramin'ny nahaterahako ho mpanompony, mba hampiverina amin'ny laoniny indray an'i Jakoba ho azy tenany, ka hampitambatra ny Israely ho eo aminy, fa omem-boninahitra eo imason'i Yaveh aho, ary tonga heriko ny Andriamanitro_[6]ary hoy Izy: "Zavatra kely aminao ny ho mpanompoko izay hanorina indray ny fokon'i Jakoba ary hampiverina ireo sisa tsy maty amin'ny Israely. Hanao ho fahazavana anao amin'ny Jentilisa Aho, ianao izay mety ho famonjeko any am-paran'ny tany."
[7]Izao no lazain'i Yaveh, mpanavotra ny Israely, ilay Masiny Iray, amin'ny iray izay manana fiainana voatsinontsinona, halan'ireo firenena, ary andevon'ireo mpanapaka hoe: "Ho hitan'ny mpanjaka ianao ary hitsangana, Ary hahita anao ireo andriana ka hiankohoka, noho i Yaveh izay mahatoky, na dia ny Iray Masin'Israely, izay nifidy anao aza."
[8]Izao no lazain'i Yaveh: "Amin'ny fotoana izay hanapahako hevitra hanehoako ny fankasitrahako dia hamaly anao Aho, ary amin'ny andron'ny famonjena dia hanampy anao Aho; hiaro anao Aho, ary hanome anao tahaka ny fanekena ho an'ny vahoaka, mba hanangana indray ny tany, mba hanendry indray ny lova efa lao.
[9]Hiteny amin'ireo gadra ianao hoe: 'Manatona;' ireo izay ao anatin'ny trano-maizina hoe: "Asehoy ny tenanareo". Hihinana eny amin'ireo lalana izy ireo, ary ireo hantsana mangadihady rehetra dia ho ahitra ho azy ireo.
[10]Tsy ho noana na hangetaheta; na hafana be na ho kapohin'ny masoandro izy ireo, fa Izy izay manana famindram-po amin'izy ireo no hitarika azy ireo; hitantana azy ireo ho any amin'ireo loharano izy.[11]Dia hanao ireo tendrombohitro rehetra ho lalana Aho, ary hanao ireo lalam-be hisandratra.
[12]Indro, ho tonga avy any amin'ny alavitra izy ireo, ny sasany avy any amin'ny avaratra sy ny antsinanana; ary ireo sasany avy any amin'ny tanin'ny Sinima.[13]Mihirà, ry lanitra, ary mifalia, ry tany; mivakia amin'ny fihirana, ianareo ry tendrombohitra! Fa mankahery ny olony Andriamanitra, ary hanana fangoraham-po amin'ireo ory.
[14]Fa i Ziona niteny hoe: "Nahafoy ahy Yaveh, ary nanadino ahy ny Tompo."'[15]Moa ve ny reny hahavita hanadino ny zanany, izay minono eo an-tratrany, ka tsy hanana fangoraham-po amin'ny zanany lahy izay naterany? Eny, mety hanadino izy, fa Izaho tsy mba hanadino anao.
[16]Indro, efa vitako tombo-kavatsa eo am-pelatanako ny anaranao. eo anoloako foana ny mandanao.[17]Ny zanakareo dia mandeha faingana ao aoriana, raha mbola miala aminao ireo izay mpandringana anao.[18]Jereo ny manodidina ka mijere, miangona manodidina anao izy rehetra ary manatona anao. Raha mbola miaina tokoa Aho_izany no fanambaran'i Yaveh_Hiakanjo ireo tahaka ny firavaka tokoa ianao, ary hitafy azy ireo tahaka ny ampakarina ianao.

[19]Fa very sy lao ianao, tany izay rava, ankehitriny dia ho kely indrindra ianao amin'ireo mponina, ary ireo izay nihinana anao dia hiala alavitra.[20]Ny zaza izay ho teraka mandritry ny fotoanan'ny alahelonao dia hibitsika eo an-tsofinao hoe: "Tery loatra ho anay ny toerana, manaova efitra ho anay, mba ahafahanay monina eto."
[21]Dia hanontany tena ianao hoe: "Iza no niteraka ireto zaza ireto ho ahy? Fa momba sy nalahelo aho, sesitany ary nisaram-panambadiana. Iza no nanangana ireto ankizy ireto? Indro, navela irery tokoa aho; avy aiza no niavian'izany?""
[22]Izao no nolazain'i Yaveh Tompo hoe: "Indro, hanandratra ny tanako amin'ireo firenena Aho, hanandratra ny fanevako amin'ireo vahoaka Aho. Hitondra ireo zanaka lahinao eo an-tsandriny sy ireo zanaka vavinao eo an-tsorony izy ireo.
[23]Ny mpanjaka no ho ray mpamelona anao, ary ireo mpanjakavaviny no ho mpifehy anao; hiankohoka miaraka amin'ny tavany amin'ny tany aminao izy ireo ary hamafa ny vovoka eo an-tongotrao; ary ho fantatrao fa Izaho no Yaveh; ireo izay niandry ahy dia tsy ho menatra."
[24]Moa ve afaka alaina amin'ireo mpiady ireo voasambotra? na ireo babo ho voavonjy amin'ny mafy?[1] [25]Fa izao no lazain'i Yaveh: "Eny, halaina amin'ny mpiady ireo babo, ary ho voavonjy ireo voasambotra; fa hanohitra ireo fahavalonao Aho ary hanavotra ireo zanakao.
[26]Hofahanako ireo nofon'ny tenany ireo mpampahory anao; ary ho mamon'ny ran'ny tenany izy ireo, tahaka ny hoe raha divay izany. Dia ho fantatrin'ny olombelona rehetra fa Izaho, Yaveh, no Mpamonjy sy Mpanavotra anareo, ilay Iray Maherin'i Jakoba."

---

[1]Fanamarihana: Raha toa ka hoe: "amin'ny mafy", ny lahatsoratra Hebreo nanao hoe: "amin'ny fahamarinana" fa ny ankamaroan'ny dikan-teny taty aoriana nanova azy hoe: "amin'ny mafy".

---

50 [1]Izao no lazain'i Yaveh: "Aiza ny fanamarinam-pisarahana izay nisarahako tamin'ny reninareo? Iza tamin'ireo mpampisambotra Ahy no nivarotako anareo? Indro, namidy ianareo noho ireo fahotanareo, ary noho ireo fikominareo, dia nalefa nandeha ny reninareo.
[2]Nahoana Aho no tonga kanefa tsy nisy olona tany? Nahoana Aho no niantso kanefa tsy nisy namaly? Moa fohy loatra ny tanako mba hanavotra anareo? Moa ve tsy nanan-kery Aho mba hamonjy anareo? Indro, amin'ny fitenenako mafy no andritako ny ranomasina; hanao ireo ony ho efitra Aho; matin'ny tsy fisian-drano sy hetaheta ny hazan-dranony.
[3]ampitafiako aizina ny habakabaka, lamba fisaonana no anaronako izany."
[4]Ny Tompo Yaveh no efa nanome ahy lela tahaka ireo izay efa nampianarina, mba hitenenako teny mampahery ho an'ny reraka; mamoha ahy isa-maraina Izy; mamoha ny sofiko mba hiaino tahaka ireo efa nampianarina Izy.
[5]Efa nanokatra ny sofiko Yaveh, ka dia tsy mba nikomy aho, na nihodina nankany aoriana.[6]Nomeko ho an'ireo izay namely ahy ny lamosiko, ary ny tarehiko ho an'ireo izay nanongotra ny volom-bavako; tsy nanafina ny tavako tamin'ireo fihetsika nahamenatra sy naharikoriko aho.
[7]Fa ny Tompo Yaveh no hanampy ahy; noho izany dia tsy ho afa-baraka aho; koa dia efa nanao ny tarehiko ho afovato aho, satria fantatro fa tsy ho alàna baraka aho.
[8]Izy izay hanamarina ahy dia eo akaikiko. Iza no hanohitra ahy? Andeha isika hitsangana ka hifanatrika. Iza no mpiampanga ahy? aoka izy hanakaiky ahy.[9]Indro, ny Tompo Yaveh no hanampy ahy. Iza no hanameloka ahy? Indro, izy rehetra ireo ho rovitra tahaka ny akanjo, ny kalalao no hihinana azy ireo.
[10]Iza aminareo no matahotra an'i Yaveh? Iza no mankatò ny feon'ny mpanompony? Iza no mandeha amin'ny aizina lalina tsy misy fanilo? Tokony hatoky amin'ny anaran'i Yaveh izy ka hiantehitra amin'Andrimaniny.
[11]Indro, ianareo rehetra izay mandrehitra afo; izay mivatsy fanilo; mandehana amin'ny hazavan'ny afonareo sy amin'ny afo izay efa narehitrareo. Izany no efa noraisinareo avy amiko, dia handrianareo eny amin'ny toeran'ny fanaintainana.

51 [1]Mihainoa Ahy, ianareo izay manaraka ny fahamarinana, ianareo izay mitady an'i Yaveh: jereo ny vatolampy izay nanesorana anareo sy ny fihadiam-bato izay nanalana anareo.
[2]Jereo Abrahama, rainareo, sy Saraha, izay niteraka anareo; fa fony mbola tokana izy, dia niantso azy Aho. Nitahy azy Aho ary nahamaro azy.
[3]Eny, Yaveh no hampionona an'i Ziona; hampionona ireo toerany banga Izy; ny tany efiny nataony tahaka an'i Edena, ny tany karakainany eo anilan'ny Ony Lohasahan'i Jordana ho toy ny zaridainan'i Yaveh; faharavoravoana sy fifaliana no hita ao aminy, fisaorana, ary feon'ny fihirana.
[4]"Mifantoha amiko, ry vahoakako; ary mihainoa Ahy ry vahoakako! Fa hamoaka didy Aho, ary hataoko ho fahazavana ho an'ny firenena rehetra ny fahamarinako.[5]Akaiky ny fahamarinako; hivoaka ny famonjeko, ary ny sandriko no hitsara ireo firenena; ireo tany amoron-tsiraka dia hiandry Ahy; fa ny sandriko no endrasan'izy ireo fatratra.
[6]Andrandrao eny amin'ny lanitra ny masonareo, ary jereo ny tany ambany, fa ho levona toy ny setroka ny lanitra, ny tany ho voritra tahaka ny akanjo, ary ny mponina eo amin'izany ho faty toy ny lalitra. Fa ny famonjeko dia haharitra mandrakizay, ary ny fahamarinako dia tsy hitsahatra hiasa.
[7]Mihainoa Ahy, ianareo izay mahalala ny marina, ianareo vahoaka izay manana ny lalako ao am-ponareo: "Aza matahotra ny faniratsiran'ny olona na kivy amin'ny fanararaotany.[8]Fa ny kalalao hihinana azy ireo toy ny akanjo, ary ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

kankana hihinana azy ireo toy ny volon'ondry; fa ho mandrakizay ny fahamarinako, ary ho an'ny taranaka rehetra ny famonjeko."
9 Mifohaza, mifohaza, tafio hery ny tenanareo, dia ny sandrin'i Yaveh. Mifohaza tahaka ny tamin'ny andro fahiny, ny taranaka tamin'ny fotoana fahiny. Tsy ianao ve no nanitsakitsaka an-dRahaba, ianao izay nandefona ilay dragona?10 Tsy Ianao ve no nandritra ny ranomasina, ny ranon'ny lalina indrindra, ary manao ny fanambanin'ny ranomasina ho lalam-pamonjena mba handalovana?
11 Ny navotan'i Yaveh dia hiverina ary hankany Ziona amin'ny hiakiam-piravoravoana sy am-pifaliana mandrakizay eo amin'ny lohan'izy ireo; ary ny fifaliana sy faharavoravoana hameno azy ireo, ka handositra azy ireo ny alahelo sy ny fisaonana.
12 "Izaho dia Izaho no ilay mampionona anao. Inona no hatahoranao ny olona, izay ho faty, ny zanak'olombelona izay natao toy ny ahitra?
13 Nahoana no nanadino an'i Yaveh izay mpahary anao ianao, izay naninjitra ny lanitra sy nametraka ny fanambanin'ny tany? Miaina amin'ny tahotra lalandava ianao isan'andro nohon'ny firehetan'ny fahatezeran'ny mpampahory raha tapa-kevitra ny handringana izy. Aiza ny fahatezeran'ny mpampahory?
14 Izay mitanondrika, ho avy faingana hanafaka i Yaveh; tsy ho faty ary tsy handeha hidina any an-davaka, na tsy hanana mofo izy.15 Fa Izaho no Yaveh Andriamanitrao, izay mampanonja ny ranomasina mba hampierona ny onjan'izany_ Yaveh Tompon'ny maro no Anarany.
16 Efa nametraka teo am-bavanao ireo teniko, ary nanarona anao tao amin'ny aloky ny tanako Aho, mba hahafahako manorina ny lanitra, sy mametraka ny fanambanin'ny tany, ka hiteny amin'ny Ziona hoe: 'Vahoakako ianao.'"
17 Mifohaza, mifohaza, mitsangàna, ry Jerosalema, ianao izay efa nisotro tamin'ny tanan'i Yaveh avy tamin'ny lovian'ny fahatezerany; ianao izay efa nisotro tamin'ny lovia, hatreny amin'ny faikany ambany amin'ny kapoakan'ny fivembenana.
18 Tsy misy tamin'ireo zanany lahy rehetra izay naterany mba hitarika azy; tsy misy tamin'ireo zanany lahy izay natsangany mba hitantana azy.
19 Mitranga aminao ireo olana roa ireo_ iza no alahelo iaraka aminao? _ faharavana sy fandringanana, ary ny mosary sy ny sabatra. Iza no hampionona anao?[1]20 Efa reraka ireo zanakao lahy; lavo eny anjoron-dalam-be rehetra eny izy ireo, toy ny diera ao anaty harato; mameno azy ireo ny fahaviniran'i Yaveh, ny teny mafin'Andriamanitrao.
21 Fa ankehitriny henoy izao, ianao izay nampahoriana sy nomamoina, nefa tsy mamon-divay:22 Yaveh Tomponao, Andriamanitrao, izay mandahatra ny manjo ny olony, miteny hoe: "Indro, efa nesoriko teo an-tananao ny kapoakan'ny fivembenana_ ny lovia, izay kapoakin'ny fahatezerako_ mba tsy hisotronao izany intsony.
23 Hataoko eo an-tanan'ny mpanenjika anao izany, izay efa niteny taminao hoe: "Mitsilania mba hahafahanay manitsakitsaka anao'; nataonao ho toy ny tany sy toy ny lalana handehanan'izy ireo ny lamosinao.

---

[1] Fanamarihana: Ny lahatsoratra Hebreo sy ny dikan-teny sasany taty aoriana manao hoe: "Ahoana ny hampiononako anao?", maro amin'ireo dikan-teny taty aoriana no manitsy ity andalana ity hoe: "Iza no hampionona anao?"

---

52 1 Mifohaza, mifohaza, tafio ny herinao, ry Ziona; tafio ireo akanjonao tsara tarehy, ry Jerosalema, tanàna masina; fa tsy hiditra aminareo intsony ny tsy voafora na ny maloto.
2 Ahintsano ny vovoka amin'ny tenanareo; miarena ary mipetraha, ry Jerosalema; esory ny rojo vy eo am-bozonao, ry zanaka vavin'i Ziona babo.3 Fa izao no lazain'i Yaveh hoe: "Namidy maimaimpoana ianareo, ary ho vonjena maimaimpoana."
4 Fa izao no ambaran'ny Tompo Yaveh: "Tany am-piandohana ny oloko dia nandeha nidina nankany Egypta mba hitoetra mandirtry ny fotoana voafetra; efa nampahorian'i Asyria vao tsy ela izy ireo.
5 Ankehitriny inona no hananako eto— izany no fanambaran'i Yaveh—hita fa nalaina tamin'ny tsy antony ny oloko? Maniratsira ireo izay manapaka eo amin'izy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh—ary voahendrikendrika foana ny anarako tontolo andro.[1] 6 Noho izany ny oloko dia hahalala ny anarako; ho fantatr'izy ireo amin'izany andro izany fa Izaho ilay miteny hoe: "Eny, Izaho izany!"
7 Endrey ny hatsaran'ny tongotr'ireo mpitondra hafatra eny an-tendrombohitra izay mitondra vaovao tsara, izay manambara fiadanana, izay mitondra teny soa mahafaly, izay manambara famonjena, izay miteny amin'i Ziona hoe: "Manjaka ny Andriamanitrao!"8 Henoy, manandratra ny feony ireo mpiambinao, miara-mihiaka fifaliana izy ireo, satria hahita ny fiverenan'i Yaveh any amin'ny Ziona izy ireo, ny mason'izy ireo rehetra.
9 Miaraha mihoby hiram-pifaliana, ianareo ry ravan'i Jerosalema; fa Yaveh dia efa nampahery ny olony; efa nanavotra an'i Jerosalema Izy.10 Efa nampiseho ny sandriny masina teo imason'ny firenena rehetra Yaveh; hahita ny famonjen'ny Andriamanintsika ny tany rehetra.
11 Mialà, mialà, mivoaha teto; aza mikasika zavatra maloto; mialà teo afovoany; diovy ny tenanareo, ianareo izay mitondra ny fanak'i Yaveh.12 Fa tsy tampoka no hivoahanareo, na tahotra no hialanareo; satria Yaveh dia handeha hialoha anareo; ary ilay Andriamanitr' Israely no ho vodi-lalanareo.
13 Indro, hiasa am-pahendrena ny mpanompoko; ho ambony sy hisandratra izy, ary ho avo indrindra.14 Fa toy ny nigagan'ny maro taminao— dia simba loatra tsy toy ny an'olombelona ny tavany, ary tsy hita toy ny olombelona intsony ny endriny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Na dia izany aza, hamafy firenena maro ny mpanompoko ary hanakombona ny vavany noho izy ireo mpanjaka. Fa izay tsy mbola nolazaina azy ireo, dia ho hitan'izy ireo, ary izay tsy mbola ren'izy ireo, dia ho azon'izy ireo.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Maniratsisra", ny dika-teny sasany manana teny Hebreo hafa midika hoe: "midradradradra."

---

53 [1]Iza no nino izay reny avy taminay, ary tamin'iza no nampisehoana ny sandrin'i Yaveh?[2]Fa nitombo tahaka ny zana-kazo madinika teo anatrehan'i Yaveh izy, ary tahaka ny tsimoka avy ao amin'ny tany karankaina; tsy nanana hatsaran-tarehy mahatalanjona na famirapiratana izy; rehefa nahita azy isika, dia tsy nisy hatsarana manintona antsika teny.
[3]Izy dia notsinontsinoavina ary nolavin'ny olona; olon'ny alahelo, ary zatra fahoriana. Tahaka ilay iray izay hanafenan'ny olona ny tavany, natao tsinontsinona izy; ary ataontsika tahaka ny tsy misy dikany.
[4]Kanefa nitondra ny aretintsika tokoa izy ary nizaka ny alahelontsika; fa nihevitra isika hoe nosazian'Andriamanitra izy, nasian'Andriamanitra, ary nampahoriana.
[5]Fa nolefonina noho ireo asa fikomiantsika izy; potika noho ireo otantsika izy. Ny sazin'ny fiadanantsika dia teo aminy, ary tamin'ireo ratrany no nahasitrana antsika.
[6]Isika rehetra dia tahaka ny ondry izay nandeha tamin'ny lalan-diso; samy nandeha tamin'ny lalany avy isika, ary Yaveh nametraka ny fahotantsika rehetra teo aminy.
[7]Nampahoriana izy; nefa rehefa nanetry tena izy, dia tsy nanokatra ny vavany; tsy nanokatra ny vavany tahaka ny zanak'ondry izay tarihina ho any amin'ny famonoana; sy tahaka ny ondry izay mangina manoloana ny mpanety azy izy.
[8]Tamin'ny faneriterena sy fitsarana no niampangana azy; iza amin'io taranaka io no mbola mieritreritra ny momba azy? Fa naringana tamin'ny tanin'ny velona izy; noho ireo fandikan-dalàn'ny oloko dia natao teo aminy ny fanasaziana.
[9]Nataon'izy ireo niaraka tamin'ireo jiolahy ny fasany, niaraka tamin'ny lehilahy manan-karena ny fahafatesany, na dia tsy nanao herisetra aza izy, na nisy fitaka aza teo imolony.
[10]Fa sitrapon'Yaveh ny hamotika azy sy hanao azy ho marary. Rehefa nataony ho sorona ho an'ny fahotana ny ainy, dia hahita ny fisasarany izy, hanalava ny androny izy, ary ny tanjon'i Yaveh dia ho tanteraka amin'ny alalany.[11]Aorian'ny fijaliany teo amin'ny fiainany, dia hahita fahazavana izy ary ho afa-po amin'ny fahalalany.[1]Ilay mpanompoko marina no hanamarina ny maro; hitondra ny helok'izy ireo izy.[2]
[12]Noho izany dia hanome azy ny anjarany eo amin'ireo maro aho, ary hizara ireo babo amin'ny maro izy, satria nampiharihary ny tenany tamin'ny fahafatesana izy ary natao ho isan'ireo mpandika lalàna. Nitondra ny otan'ny maro izy ary nanelanelana ireo mpandika lalàna.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Aorian'ny fijaliany tamin'ny fiainany" ny dikan-teny vaovao sasany dia manao hoe: "Hatrany amin'ny fijaliany tamin'ny fiainana dia hahita vokany izy."
[2]Fanamarihana: Ny dikan-teny vaovao maro sasany dia manampy hoe: "hazavana". Ny dikan-teny vaovao sasany dia manao hoe: "Amin'ny fahalalany, no hanamarinan'ilay mpanompoko marina ny maro."

---

54 [1]"Mihirà, ry vehivavy momba, ianareo izay tsy niteraka; miravoravoa amin'ny hiram-pifaliana ary mihiakà mafy, ianareo izay tsy mba nihetsi-jaza. Fa ny zanaky ny mpitondra tena dia maro kokoa noho ny zanaky ny vehivavy manambady," hoy i Yaveh.
[2]Ataovy lehibe kokoa ny lainareo ary velaro ny ambain-dainareo, velaro tsara; alavao ny tadinareo ary hamafiso ny tsato-kazonareo.[3]Fa hiely any an-kavanana sy any an-kavia ianareo, ary ireo taranakareo dia handresy ireo firenena ary honina amin'ireo tanàna lao.
[4]Aza matahotra fa tsy ho menatra ianareo, na kivy fa tsy ho afa-baraka ianareo; hanadino ny henatry ny hatanoranareo sy ny fahafaham-barakan'ny fandaozana anareo ianareo.
[5]Fa ilay Mpahary anareo no vadinareo; Yaveh tompon'ny maro no Anarany. Ilay Iray Masin'Israely no Mpanavotra anareo; Izy dia antsoina hoe Andriamanitry ny tany rehetra.[6]Fa Yaveh efa namerina niantso anareo ho toy ny vady izay nilaozana sy malahelo am-panahy, tahaka ny vehivavy nanambady tanora ary nariana," hoy ny Andriamanitrareo.
[7]"Fa nanary anareo nandritra ny fotoana fohy Aho, fa amin'ny fangorahana lehibe no hanangonako anareo.[8]Vetivety ihany no nanafenako ny tavako taminareo tamin'ny tondra-dranon'ny hatezerana; fa amin'ny fanekena mahatoky tsy manam-pahataperana no hangorahako anareo—hoy i Yaveh, ilay iray izay manavotra anareo.
[9]Fa izao dia tahaka ny tondra-dranon'i Noa Amiko: tahaka ny nianianako fa ny tondra-dranon'i Noa dia tsy handalo amin'ny tany intsony, no hianianako fa tsy ho tezitra aminareo na hiteny mafy anareo Aho.[10]Na hianjera aza ireo tendrombohitra na koa hiozongozona aza ireo havoana, ny fitiavako tsy miova kosa dia tsy hiodina aminareo, na ny fiadanako mahatoky ho voaozongozona—hoy i Yaveh, izay mamindra fo anareo.
[11]Ianareo ory, afotofoton'ny tafio-drivotra sy tsy manana fampiononana, indro, ho ataoko amin'ny vatosoa ny rarivatonareo, ary amin'ny safira no hametrahako ny fototrareo.[12]Hataoko robina ireo tilikambonareo ary amin'ny vato mamirapiratra ny vavahadinareo, ary ny mandanareo any ivelany amin'ny vato tsara tarehy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Dia i Yaveh no hampianatra ireo zanakareo rehetra; ary ho lehibe ny fiadanan'ireo zanakareo.[14]Amin'ny fahamarinana no hamerenako anareo amin'ny laoniny. Tsy hiaina fanenjehana intsony ianareo, ka tsy hatahotra ianareo, ary tsy hisy na inona na inona mampitahotra ho avy eo anilanareo.
[15]Indro, raha misy olona mitarika korontana, dia tsy avy Amiko izany; na iza na iza mitarika korontana eo aminareo dia ho lavo amin'ny faharesena.[16]Indro, efa nahary mpanao asa tanana, izay mitsoka ny vain'afo mirehitra sy manefy fitaovam-piadiana ho asany Aho, ary efa nahary ny mpamotika mba hamotika Aho.
[17]Tsy misy fitaovam-piadiana izay voaforona hanohitra anareo haharesy; ary ianareo dia hanameloka izay rehetra miampanga anareo. Izany no lovan'ireo mpanompon'i Yaveh, ary ny fanamarinan'izy ireo avy Amiko—izany no fanambaran'i Yaveh."

55 [1]"Avia, ianareo rehetra izay mangetaheta, makanesa eo amin'ny rano, ary ianareo izay tsy manam-bola, avia, mividina ary mihinana! Avia, mividiana divay sy ronono tsy andoavam-bola sady tsy must vidiny.
[2]Nahoana ianareo no mandanja volafotsy ho amin'izay tsy mofo, ary nahona ianareo no miasa mafy amin'izay tsy mahafa-po anareo? Henoy tsara Aho ka mihinana izay tsara, ary amin'ny hatavezana no hafinaritra ny tenanareo.
[3]Atongilano ny sofinareo ary manatona aty amiko! Mihenoa, dia ho velona ianareo. Hanao fanekena mandrakizay aminareo Aho: ny tokiako, fitiavana mahatoky nampanantenaina an'i Davida.[4]Indro, efa nataoko amin'ny toerany tahaka ny vavolombelona ho an'ireo firenena izy, toy ny mpitarika sy mpibaiko ho an'ny vahoaka.
[5]Indro, hiantso ny firenena izay tsy fantatrareo ianareo; ary ny firenena izay tsy nahafantatra anareo no hiazakazaka ho any aminareo noho Yaveh Andriamanitrareo, ilay masin'Israely, izay efa nanome voninahitra ho anareo."
[6]Mitadiava an'i Yaveh dieny mbola hita Izy; miantso Azy dieny mbola eo akaiky eo Izy. Aoka hiala amin'ny lalany ny ratsy fanahy, ary ny mpanota hiala amin'ny heritreriny.[7]Aoka izy hiverina amin'i Yaveh, dia hihantra azy Izy, ary an'Andrimanitsika, izay hamela tanteraka azy.
[8]Fa ny fihevitro tsy fihevitrareo, na ny lalanareo no lalako__izany no fanambaran'i Yaveh__[9]Fa tahaka ny hahavon'ny lanitra izay avo kokoa noho ny tany, no hahavon'ny lalako kokoa noho ny lalanareo, ary ny fihevitro mihoatra noho ny fihevitrareo.
[10]Fa toy ny orana sy ny fanala hilatsaka avy eny an-danitra ka tsy miverina eny raha tsy hoe mameno ny tany ireo ary hamokatatra sy hitsimoka izany ary hanome voa ho an'ny mpamboly izay mamafy ary mizara mofo ho an'ny mpihinana,
[11]koa ho aloakin'ny vavako ihany koa ny teny: tsy mba hiverina amiko amin'ny tsy misy dikany izany, saingy izany no hanatanteraka izay iriko, ary hahomby izy ho amin'izay nalefako an'izany.
[12]Fa hivoaka am-pifaliana ianareo ary hotarihana am-piadanana; ireo tendrombohitra sy ny havoana dia ho vaky amin'ny hiaka am-pifaliana eo anatrehanareo, ary ny hazon'ny saha rehetra dia hiteha-tanana.[13]Raha tokony ho fefy tsilo, dia ny kipreso no haniry; ary raha tokony tsilo, dia hazo rotra no haniry, ary ho an'i Yaveh izany, fa ny anarany, tahaka ny famantarana izay tsy ho tapaka mandrakizay.

56 [1]Izao no lazain'i Yaveh: "Tandremo izay marina, manaova izay rariny; fa akaiky ny famonjeko, ary efa haseho ny fahamarinako.[2]Voatahy ny olona izay manao, sy mihazona mafy izany. Izy dia mitandrina ny Sabata, fa tsy mandoto izany, ary mifehy ny tanany amin'ny fanaovan-dratsy."
[3]Aoka ny hafa firenena izay tonga mpanaraka an'i Yaveh tsy hisy hanao hoe: "Hanala ahy ao amin'ireo vahoakany tokoa Yaveh." Ny tandapa tsy tokony hiteny hoe: "Indro izaho fa hazo maina."
[4]Fa izao no lazain'i Yaveh: "Ho an'ireo tandapa izay mitandrina ireo Sabatako, sy misafidy ny ankasitrahako, ary mihazona ny fanekeko,[5]ho azy ireo no hananganako ao an-tranoko sy ao anatin'ny mandako ny tsangam-bato izay tsara kokoa nohon'ny manan-janaka lahy sy zanaka vavy. Hanome azy ireo tsangam-bato maharitra mandrakizay izay tsy ho kapaina mihitsy Aho.
[6]Ireo hafa firenena izay miaraka amin'i Yaveh ihany koa_ mba hanompo Azy, ary ireo izay tia ny anaran'i Yaveh_mba hidera Azy, ny olona rehetra izay mitandrina ny Sabata, izay mihazona amin'ny tsy fandotoana izany, ary izay mihazona ny fanekeko[7]_dia ho entiko any an-tendrombohitro masina ary hampiravoravoko ao an-trano fivavahako izy ireo; ny fanatitra dorany sy ny soron'izy ireo dia hekena eo ambonin'ny alitarako. Fa ny tranoko hantsoina hoe trano fivavahana ho an'ny firenena rehetra,
[8]izany no fanambaran'i Yaveh Tompo, izay manangona ireo vaoroakan'Israely_mbola hanangona ireo hafa ho fanampin'izy ireo Aho."
[9]Ianareo bibidia rehetra any an-tsaha, avia ka arapao, ianareo bibidia rehetra any an'ala![10]Ireo mpitily azy rehetra dia jamba, tsy mahatakatra izy ireo. Amboa moana avokoa izy ireo ka tsy afaka mivovoa. Manofy, sy mitsilailay izy ireo ary tia matory.
[11]Tenda-kanina tokoa ireo amboa; tsy mety voky mihintsy izy ireo; mpiandry ondry tsy mahay manavaka izy ireo; nivily tamin'ny lalany avy izy rehetra ireo, samy fatra-pitia tombony tsy ara-drariny ny tsirairay.[12]"Avia" hoy izy ireo: "Andao hisotro divay sy taoka isika. Ho toy ny androany ihany ny rahampitso, andro lehibe tafahoatra."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

57 [1]Maty ny marina, nefa tsy misy mihevitra izany, ary nangonina ny olon'ny fanekena mahatoky, nefa tsy misy olona mahatakatra fa angonina avy amin'ny ratsy ny marina.[2]Miditra ao amin'ny fiadanana izy; miala sasatra eo am-pandriany izy ireo, dia ireo izay mandeha amin'ny fahitsiany.
[3]Fa manatona eto, ianareo zanaky ny mpanandro, zanaky ny mpijangajanga ary ny vehivavy izay efa nivarotra ny tenany.
[4]Iza no maneso amin-kafaliana anareo? Amin'iza no anokafanareo vava sy hitranganareo lela? Moa ve tsy zanaka mpikomy, zanaka mpamitaka ianareo?
[5]Manafana ny tenanareo amin'ny fiarahana matory eo ambanin'ny hazo terebinta, ambanin'ny ahi-maitso rehetra ianareo. Ianareo izay mamono ny zanakareo eo amin'ny renirano maina, eo ambanin'ny tsefatsefakin'ny vato.
[6]Amin'ireo kilonjy malaman'ny reniran-dohasaha ireo zavatra izay notendreko ho anareo. Ireo no anton'ny fanoloran-tenanareo. Ianareo dia mandraraka ny fanatitrareo sotrona ho azy ireo sy manandratra ny fanatitra vary. Amin'ireo zavatra ireo ve no tokony hifaliako?
[7]Nanomana ny fandrianareo tany an-tendrombohitra avo ianareo; niakatra tany koa ianareo mba hanolotra ireo sorona.
[8]Tao ivohon'ny varavarana sy ny tolam-baravarana no nametrahanareo ireo famantaranareo. Ianareo dia nitsoaka nandao Ahy, nampitanjaka ny tenanareo, ary niakatra; nampihanjaka ny fandrianareo. Nanao fanekena tamin'izy ireo ianareo; nitia ny fandrian'izy ireo ianareo; nahita ny faritra saro-padiny ianareo.
[9]Nankany amin'i Moleka niaraka tamin'ny diloilo ianareo; nampitombo ny zava-manitra ianareo.[a]Nandefa ireo irakareo lavitra ianareo; nidina tany amin'ny Fiainan-tsy hita ianareo.[10]Reraky ny dianareo lavitra ianareo, nefa tsy niteny mihintsy ianareo hoe: "Tsy misy fanantenana izany." Nahita fiainana teo an-tananareo ianareo; noho izany dia tsy nihaosa ianareo.
[11]"Iza no ahianareo? Iza no atahoranareo mafy ka nahatonga anareo hamitaka, ka tsy nahatsiaro na niheritreritra Ahy ianareo? Satria nangiana hatry ny ela Aho ary tsy matahotra Ahy intsony ianareo.[12]Hanambara ireo asa marinareo sy hilaza izay efa nataonareo rehetra Aho, fa tsy hanampy anareo ireny.
[13]Rehefa mitaraina ianareo, aoka hamonjy anareo ireo karazan-tsampinareo. Raha tokony ny rivotra no hitondra azy rehetra ireo, dia ny fofon'aina no hitondra azy rehetra. Fa izay mialoka Amiko dia handova ny tany sy haka ho fananana ny tendrombohitro masina.
[14]Hiteny izy hoe: 'Amboary, amboary! Savao ny lalana! Esory eo amin'ny lalan'ny vahoakako ny zavatra manafintohina rehetra!'"[15]Fa izao no lazain'Ilay ambony sy avo, izay velona mandrakizay, masina ny Anarany: "Izaho dia mipetraka amin'ny toerana avo sy masina, miaraka aminy koa ny fanahy torotoro sy manetry tena, mba hamelomana indray ny fanahin'ireo izay manetry tena, ary mba hamelomana indray ny fon'ireo izay manenina.
[16]Fa tsy hiampanga mandrakizay, na ho tezitra mandrakizay Aho, fa ny fanahin'ny olona dia reraka teo anatrehako, dia ireo aina izay nataoko.[17]Nohon'ny fahotan'ny tombony tsy ara-drariny, dia tezitra Aho, ary nanafay azy; nanafina ny tavako Aho ary tezitra, nefa nandeha tamin'ny lalan'ny fony izy.
[18]Efa nahita ny lalany Aho, nefa ho sitraniko izy. Hitarika azy Aho ary hampahery sy hampionona ireo izay misaona ho azy,[19]ary foroniko ny vokatr'ireo molony. Fiadanana, fiadanana, ho an'ireo izay any lavitra sy ho an'ireo izay akaiky_hoy i Yaveh_hositraniko izy ireo.
[20]Kanefa ireo ratsy fanahy dia tahaka ny ranomasina misambaravoara, izay tsy afaka mijanona, ary ny ranon'izany dia fotaka misambaravoara.[21]Tsy misy fiadanana ho an'izay ratsy fanahy_hoy Andriamanitra."

---

[a]Fanamarihana: Raha toa ka hoe "amin'i Moleka", ny dikan-teny sasany misy hoe "amin'ny mpanjaka".

---

58 [1]"Mitomania mafy; aza tazonina. Asandrato tahaka ny trompetra ny feonao. Atreho amin'ny fikomiany ny oloko, ary amin'ny fahotany ny ankohonan'i Jakoba.[2]Kanefa mbola mitady ahy isan'andro izy ireo ary finaritra amin'ny fahalalana ny lalako, tahaka ny firenena izay nanao ny fahamarinana ary tsy nahafoy ny lalàn'ny Andriamanitr'izy ireo. Mangataka fitsarana marina amiko izy ireo; finaritra amin'ny fiheverana ny fanakaikezan'Andriamanitra izy ireo.
[3]"Nahoana izahay no nifady' hoy izy ireo, 'kanefa tsy hitanao izany? Nahoana izahay no nanetry tena, kanefa tsy tsikaritrao?' Indro, amin'ny andron'ny fifadianareo no hahitanareo ny fahafinaretanareo manokana ary ampahorianareo ny mpiasanareo rehetra.
[4]Indro, mifady hanina ianareo mba hifanditra sy hiady, ary hamely amin'ny totondrin'ny faharatsianareo; tsy mifady ianareo androany mba ho re any ambony ny feonareo.[5]Izany tokoa ve no karazana fifadiana tiako: Andro hanetren'ny rehetra ny tenany, mba hampiondrehany ny lohany tahaka ny volotara, ary hamelarany lamba fisaonana sy lavenona ao ambaniny? Fifadiana tokoa ve no iantsoanareo izany, andro ifalian'i Yaveh?
[6]Tsy izao ve no fifadiana safidiako: Ny hanafaka ny famatoran'ny faharatsiana, ny hamaha ny tadin'ny zioga, ny hanafaka ireo torotoro, ny hanapaka ny zioga rehetra?[7]Tsy ny hizara ny mofonao amin'ny noana ary hitondra ireo mahantra sy ireo tsy manan-kialofana ho ao an-tranonao ve?" Rehefa mahita olona miboridana ianao, dia tokony hampitafy azy; ary tsy tokony hanafina ny tenanao amin'ireo havanao ihany ianao.
[8]Dia hipoaka tahaka ny masoandro ny fahazavanao, ary hitsimoka faingana ny fanasitranana anao; handeha eo anoloanao ny fahamarinananao, ary ny voninahitr'i Yaveh no ho vodi-lalanao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Dia hiantso ianao, ary hamaly Yaveh; hihiaka famonjena ianao, ary hiteny izy hoe: "Inty Aho." Raha esorianao hiala aminao ny zioga, ny fanondro miampanga, ary ny lahatenin'ny faharatsiana,[10]raha manome ho an'ny noana ianao ary mamoky ny tra-pahoriana; dia hiposaka ao amin'ny aizina ny fahazavanao, ary ny aizinao ho tahaka ny amin'ny mitataovovonana.
[11]Dia hitarika anao lalandava Yaveh ka hamoky anao any amin'ny faritany izay tsy misy rano, ary hanatanjaka ny taolanao Izy. Ho tahaka ny sahan-drano ianao, ary tahaka ny loharano, izay tsy mitsahatra mandrakizay ny ranony.
[12]Ny sasany aminareo dia hanorina indray ny rava fahiny; hanangana ireo ravan'ny taranaka maro ianareo; ho antsoina ianareo hoe "mpanamboatra ny manda," "Mpamerina ny lalana honenana."
[13]Raha atao hoe mamily ny tongotrao hiala amin'ny fanaovana dia amin'ny andro Sabata ianao, ary hiala amin'ny fanaovana ny fahafinaretanao manokana amin'ny androko masina. Raha atao hoe miantso ny Sabata ho sitraka, ary miantso ny raharahan'i Yaveh ho masina sy manan-kaja ianao. Raha atao hoe manaja ny Sabata amin'ny fahafoizana ny raharahanao manokana ianao, ary amin'ny tsy fitadiavana ny fahafinaretanao manokana ary amin'ny tsy filazana ny teninao manokana.
[14]Dia hahita mamy ao amin'i Yaveh ianao; ary hampitaingenako ny haavon'ny tany ianao; hamoky anao avy amin'ny lovan'i Jakoba rainao Aho—fa ny vavan'i Yaveh no niteny."

59 [1]Indro, ny tanan'i Yaveh tsy fohy akory ka tsy hahavonjy; ary ny sofiny tsy lalodalovana, ka tsy handre.[2]Ny asa ratsinareo, kanefa, no nampisaraka anareo tamin'ny Andriamanitrareo, ary ny fahotanareo no nahatonga Azy hanafina ny tavany aminareo ka tsy hihaino anareo.
[3]Fa tasin'ny rà ny tananareo ary ny ratsan-tananareo tasin'ny fahotana. Milaza lainga ny molotrareo ary ny lelanareo miteny amin-kafetsena.[4]Tsy misy miantso ny marina, ary tsy misy mifona amin'ny fahamarinana. Mitoky amin'ny teny foana izy ireo, ary milaza lainga; lainga no torotoroniny ary fahotana no aterany.
[5]Mikotrika atodim-bibilava feno poizina izy ireo ary manenona tranon-kala. Izay rehetra mihinana ny atodiny dia maty, ary raha misy atody voahitsaka, dia foy ho bibilava feno poizina izany.[6]Tsy azo ampiasaina hatao akanjo ny tranon-kalany, na afaka manarona ny tenany ny asany. Asan'ny fahotana ny asany, ary asan'ny herisetra no eo an-tanany.
[7]Mihazakazaka ho any amin'ny ratsy ny tongony, ary mihazakazaka handatsaka rà tsy manan-tsiny izy ireo. Fihevitra fahotana ny fiheviny; herisetra sy fandravana no lalany.[8]Ny lalan'ny fiadanana tsy mba fantatr'izy ireo, ary tsy misy rariny eo amin'ny lalany. Nanamboatra lala-meloka izy ireo; izay rehetra mandeha amin'izany lalana izany dia tsy mahita fiadanana.
[9]Noho izany dia lavitra anay ny rariny, ary tsy mahatratra anay ny fahamarinana. Miandry fahazavana izahay, nefa mahita aizina; mitady famirapiratana izahay, kanefa mandeha amin'ny aizina.[10]Mitsapatsapa rindrina tahaka ny jamba izahay, tahaka ireo izay tsy mahita. Voafingana amin'ny atoandrobenanahary izahay toy ny hoe amin'ny takariva; eo amin'ny ireo mahery dia tahaka ny olona maty izahay.
[11]Mierona tahaka ny bera izahay ary mitolokoloko tahaka ny voromailala; miandry rariny izahay, saingy tsy misy; miandry fanavotana, saingy lavitra anay izany.
[12]Fa eo anoloanao ny helokay, ary ny fahotanay no miampanga anay; fa ny helokay dia miaraka aminay, ary fantatray ny fahotanay.[13]Nikomy izahay, nandà an'i Yaveh ary niala tamin'ny fanarahana ny Andriamanitray. Nilaza fampahoriana izahay ary nivily lalana, namorona fitarainana avy ao am-ponay sy teny lainga.
[14]Nesorina ny rariny, ary mijoro lavitra dia lavitra ny fahamarinana; fa tafintohina eny ankalamanjana ny fahamarinana, ary tsy ho tonga ny marina.[15]Efa dify lavitra ny fahamendreham-pitokisana, ary ilay iray izay miala amin'ny ratsy no mahatonga ny tenany ho tra-doza. Hitan'i Yaveh izany ary tsy faly Izy fa tsy misy ny rariny.
[16]Nahita Izy fa tsy misy olona, ary talanjona fa tsy mba misy miditra an-tsehatra. Noho izany dia ny tanany ihany no nitondra famomjena ho Azy, ary ny fahamarinany no nanohana Azy.
[17]Mitafy fahamarinana ho saron-tratra Izy ary aro-loha famonjena eo amin'ny lohany. Nitafy ankanjo valifaty izy ary nanao ny zotom-po ho aron'akanjo.[18]Novaliany noho izay vitany izy ireo, dia fitsarana feno fahatezerana amin'ny rafiny, famaliana ho an'ny fahavalony, ary famaizana ho valim-pitian'ireo.
[19]Koa dia hatahotra ny anaran'i Yaveh avy any andrefana izy ireo, ary ny voninahiny avy any amin'ny fiposahan'ny masoandro; fa ho avy tahaka ny riaka mipaoka Izy, izay entin'ny fofonain'i Yaveh.[20]"Misy mpanavotra tonga ao Ziona ary amin'ireo izay miala amin'ny asany feno fikomiana ao amin'i Jakoba—izany no fanambaran'i Yaveh.
[21]Raha ny amiko, dia izao no fanekeko amin'izy ireo—hoy Yaveh—ny fanahiko izay ao amin'izy ireo, ary ny teniko izay napetrako teo am-bavanao, dia tsy hiala amin'ny vavanao, na hiala amin'ny vavan'ireo zanakao, na hiala amin'ny vavan'ireo zafinao—hoy Yaveh—manomboka izao ka ho mandrakizay."

60 [1]Mitsangàna, mihazavà; fa tonga ny fahazavanao, ary efa nisandratra taminao ny voninahitr'i Yaveh.
[2]Fa handrakotra ny tany ny aizina, ary ireo firenena ny aizim-pito; nefa hisandratra eo aminao Yaveh, ka ho hitanao ny voninahiny.[3]Ho tonga eo amin'ny fahazavanao ireo firenena, ary eo amin'ny tara-pahazavanao izay misandratra ireo mpanjaka.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Mijere manodidina ka tazano. Miara-miangona izy rehetra ka tonga eo aminao. Ho tonga avy any lavitra ireo zanakao lahy, ary ho entina eo an-tsandriny ireo zanakao vavy.[5]Dia hijery ianao ka ho miramirana, ary tokony hifaly sy ho safotra ny fonao, satria hararaka aminao ny habetsahan'ny ranomasina, ho tonga aminao ny haren'ireo firenena.
[6]Handrakotra anao ireo andian-drameva, dia ireo rameva tanora any Midiana sy Efaha; ireo rehetra ireo dia ho avy any Sheba avokoa; hitondra volamena sy ditin-kazo manitra ireo, ary hihira fiderana an'i Yaveh.[7]Ireo ondry aman'osin'i Kedara rehetra dia hangonina eo aminao, ireo ondry lahin'i Nebaiota dia hety amin'izay ilainao; ho fanatitra ankasitrahina eo amin'ny alitarako ireo; ary homeko voninahitra ny tranoko be voninahitra.
[8]Iza moa ireny manidina tahaka ny rahona, sy tahaka ny voromailala ao amin'ny fialofany ireny?[9]Mitady Ahy ny tany amorontsiraka, ary mitarika ny sambon'i Tarsisy, mba hitondra ireo zanakao lahy avy lavitra, ny volafotsiny sy ireo volamenany miaraka amin'izy ireo, ho an'ny anaran'i Yaveh Andriamanitrao, sy ho an'Ilay Masin'Israely, satria efa nanome voninahitra anao Izy.
[10]Ny zanaka lahin'ireo hafa firenena hanangana indray ireo mandanao; ary hanompo anao ireo mpanjakany; fa na dia tamin'ny fahatezerako aza no namaizako anao, dia amin'ny fankasitrahako kosa no hangorahako anao.[11]Hisokatra hatrany hatrany ihany koa ireo vavahadinao; tsy hakatona na andro na alina ireo, mba hitondrana ny haren'ireo firenena, mbamin'ireo mpanjakany tarihina.
[12]Ireo firenena sy ireo fanjakana izay tsy hanompo anao dia ho levona tokoa; ho rava tanteraka izany firenena izany.[13]Ho tonga aminao ny voninahitr'i Libanona, ny hazo kypreso, ny kesika, ary ny bokso miaraka, dia hanendrika ny fitoerako masina; ary hanome voninahitra ny fitoeran-tongotro Aho.
[14]Ho tonga eo aminao mba hiankohoka izy ireo, dia ny zanaka lahin'ireo izay nanetry anao; hiankohoka eo an-tongotrao izy ireo; hiantso anao hoe Ilay tanàn'i Yaveh izy ireo, dia i Zion'Ilay Masin'Israely.
[15]Ho solonao nilaozana sy nankahalaina, ka tsy misy mandalo anao, dia hataoko zavatra fireharehana mandrakizay ianao, fifaliana hatramin'ny taranaka mifandimby.[16]Hisotro ny rononon'ireo firenena ihany koa ianao, ary hinono eo amin'ny tratran'ireo mpanjaka; dia ho fantatrao fa Izaho, no Yaveh, Mpamonjy anao sy Mpanavotra anao, Ilay Masin'i Jakoba.
[17]Ho solon'ny varahina dia hitondra volamena Aho, ho solon'ny vy dia hitondra volafotsy Aho; ho solon'ny hazo, dia varahina; ary ho solon'ny vato, dia vy. Hanendry fiadanana ho governoranao aho, ary rariny no mpanapakao.[18]Tsy ho re ao amin'ny taninao intsony ny herisetra, na fandravana na fahapotipotehina ao amin'ireo faritaninao; fa ho antsoinao hoe Famonjena ireo mandanao, ary Fiderana ireo vavahadinao.
[19]Tsy ho fahazavanao ny andro intsony ny masoandro, na hamiratra aminao ny fahazavan'ny volana; fa Yaveh no ho fahazavanao maharitra mandrakizay, ary ny Andriamanitrao no voninahitrao.[20]Tsy hilentika intsony ny masoandronao, na hiala ka hanjavona ny volanao; fa Yaveh no ho fahazavanao maharitra mandrakizay, ka hifarana ireo andro fisaonanao.
[21]Ho marina avokoa ny vahoakanao rehetra; haka ny tany amin'ny fotoana rehetra izy ireo, dia ny rantsan'ny voliko, ny asan'ny tanako, mba homena voninahitra Aho.[22]Ho tonga an'arivony ny kely, ary ho firenena matanjaka ny bitika; Izaho, Yaveh, dia hanatanteraka ireo faingana rehefa tonga ny fotoana.

61 [1]Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo Yaveh, satria nanosotra ahy hitory vaovao mahafaly amin'izay ory i Yaveh.
Naniraka ahy mba hanasitrana ny marary am-po Izy, mba hanambara fahafahana amin'reo babo, ary fisokafan'ny fonja ho an'ireo izay voafatotra.
[2]Naniraka ahy mba hanambara ny taona fankasitrahan'i Yaveh, ny andron'ny valifatin'ny Andriamanintsika, sy mba hampionona an'izay rehetra misaona Izy.
[3]Naniraka ahy Izy—mba hanome ho an'ireo izay misaona ao Ziona—mba hanome satroka ho azy ireo fa tsy lavenona, diloilom-pifaliana fa tsy fisaonana, lamba fiderana ho solon'ny fahararehan'ny fanahy, mba hiantsoana azy ireo hoe hazon'ny fahamarinana, ilay nambolen'i Yaveh, mba homem-boninahitra izy.
[4]Hanangana ireo rava taloha indray izy ireo; hamerina ireo fandravana teo aloha indray izy ireo. Hamerina ireo tanàna rava indray izy ireo, ireo fandravana tamin'ny taranaka maro teo aloha.[5]Hitsangana ary hamahana an'ireo ondry aman'osinareo ireo vahiny, ary ireo zanaka lahin'ny vahiny hiasa ny sahanareo sy ny tanim-boalobokareo.
[6]Ho antsoina hoe mpisoron'i Yaveh ianareo; hiantso anareo hoe mpanompon'ny Andriamanintsika izy ireo. Hihinana ny haren'ireo firenena ianareo, ary hirehareha amin'ny haren'izy ireo.[7]Hahazo avo roa heny ianareo solon'ny henatrareo; ary hifaly amin'ny fizaran'izy ireo ianareo solon'ny fahafaham-baraka. Noho izany izy ireo dia hahazo zara avo roa heny amin'ny tanin'izy ireo; hafaliana mandrakizay no ho azy ireo.
[8]Fa Izaho, Yaveh, dia tia ny rariny, ary halako ny fandrobana sy ny herisetra tsy ara-drariny. Hamaly azy ireo am-pahamarinana Aho, ary hanao fanekena mandrakizay amin'izy ireo.[9]Ho fantatra eo amin'ireo firenena ny taranak'izy ireo, ary eo amin'ireo vahoaka ny zanak'izy ireo. Izay rehetra mahita azy ireo dia hanaiky azy ireo, fa izy ireo no vahoaka izay notahin'i Yaveh.
[10]Hifaly tanteraka amin'i Yaveh aho; ho ravo ao amin'ny Andriamanitro aho. Fa Izy no nampiankanjo ahy tamin'ireo fitafian'ny famonjena; nampiankanjo ahy tamin'ny akanjo lavan'ny fahamarinana Izy, toy ny mpampankatra mandravaka ny tenany amin'ny satroka, ary toy ny ampankarina mandravaka ny tenany amin'ireo firavany.[11]Fa tahaka

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ny tany mampitsimoka ny zava-maniry ao aminy, no hampanirian'i Yaveh fahamarinana sy fiderana eo anatrehan'ny firenena rehetra.

62 [1]Nohon'ny amin'i Ziona dia tsy hangina aho, ary nohon'ny amin'i Jerosalema dia tsy hikombom-bava aho, mandra-pivoahan'ny fahamarinana mamirapiratra, ary ny famonjeny toy ny fanilo mirehitra.[2]Hahita ny fahamarinanao ireo firenena, ary ny mpanjaka rehetra ny voninahitrao. Ho antsoina amin'ny anarana vaovao ianao izay ho safidian'i Yaveh.
[3]Ho satro-boninahitry ny hatsarana eo an-tanan'i Yaveh ihany koa ianao, ary satroky ny fanjakana eo an-tanan'ny Andriamanitrao.[4]Tsy ho lazaina ny aminao intsony ny hoe: "Nafoy"; na ho lazaina amin'ny taninao intsony ny hoe: "Lao." Fa kosa, ho antsoina hoe: "Ilay sitrako," ary ny taninao hoe: "Manambady," satria sitrak'i Yaveh ianao, ary hanambady ny taninao.
[5]Tahaka ny tovolahy manambady tovovavy tokoa, no hanambadian'ireo zanakao anao, ary toy ny mpampakatra mifaly amin'ny ampakariny, no hifalian'ny Andriamanitrareo aminareo.
[6]Nametrahako mpiambina teo amin'ireo mandanao, ry Jerosalema; tsy mangina izy ireo andro sy alina. Ianareo izay mampatsiahy an'i Yaveh, aza mitsahatra.[7]Aza avela hiala sasatra Izy mandra-pametrahany an'i Jerosalema indray sy mandra-panaovany izany ho fiderana eto an-tany.
[8]Nianiana tamin'ny tanany an-kavanana sy tamin'ny sandrin'ny heriny Yaveh hoe: "Azo antoka fa tsy hanome ny varinareo ho sakafo ho an'ireo fahavalonareo intsony Aho. Ireo vahiny dia tsy hisotro ny divay vaovaonareo, izay niasanareo.[9]Fa ireo izay mijinja ny vary dia hihinana izany sy hidera an'i Yaveh, ary ireo izay mioty ny voaloboka dia hisotro ny divay ao amin'ny fitsaràn'ny fitoerako masina."
[10]Mivoaha, mivoaha amin'ny vavahady! Homano ny lalana ho an'ny olona! Hamboary izany, hamboary ny lalam-be! Angony ireo vato! Manangàna saina famantarana ho an'ireo firenena!
[11]Indro, manambara amin'ny faran'ny tany Yaveh hoe: "Lazao amin'ny zanakavavin'i Ziona hoe: Indro, tonga ny mpanavotra anareo! Jereo, miaraka aminy ny valisoany, ary mandeha eo anoloany ny valin-kasasarany."[12]Hiantso anareo izy ireo hoe: "Ilay vahoaka masina; ilay navotan'i Yaveh," ary ianao dia ho antsoina hoe: "Notadiavina; tanàna tsy nafoy."

63 [1]Iza ity izay avy any Edoma ity, nitafy akanjo menamena avy any Bozra? Iza moa izy izay nitafy akajon'andriana, mandeha am-pahatokiana noho'ny haben'ny heriny? Izaho izany, izay milaza fahamarinana sy mahavonjy tanteraka.
[2]Nahoana no mena ny fitafianao, ary nahoana izy ireo no tahakan'izay efa nanitsakitsaka ny voaloboka eo amin'ny famiazana?
[3]Nanosihosy irery ny voaloboka teo amin'ny famiazana Aho, ary tsy nisy na dia firenena iray aza nanantona Ahy. Nohosihoseko tamin'ny fahatezerako sy nitsakitsahiko tamin'ny fahavinirako izy ireo. Ny ràn'izy ireo dia nipitika tamin'ny fitafiako ary voaloto ireo fitafiako rehetra.[4]Fa tsy andriko ny andro'ny famaliako, ary ny taonan'ny fanavotako dia efa tonga.
[5]Nijery Aho, ary tsy nisy na iza na iza nanampy. Talanjona Aho fa tsy nisy nanampy, fa ny sandriko no nitondra fandresena ho Ahy, ary ny fahatezerako lehibe no nanohana Ahy.[6]Nitsakitsahiko tamin'ny fahatezerako ireo olona ary nahamamo azy ireo tamin'ny fahavinirako Aho, ary naidiko teo amin'ny tany ny ràn'izy ireo.
[7]Hanambara ny asan'ny fanekena mahatokin'i Yaveh aho, ireo asa mendri-piderana nataon'i Yaveh. Hanambara izay rehetra nataon'i Yaveh ho antsika aho, ary ny haben'ny fanaovan-tsoany tamin'ny taranak'Israely. Efa nasehony antsika ny fangoraham-pony nohon'ny famindrampony, ary tamin'ny asa maron'ny fanekena mahatoky.[8]Fa hoy izy: "Fa oloko tokoa ireo, zanaka izay tsy mba tsy mena-mivadika."Tonga Mpamonjin'izy ireo Izy.
[9]Tamin'ny fijalian'izy ireo rehetra, dia nijaly koa izy, ary namonjy azy ireo ny anjely avy amin'ny fanatrehany. Amin'ny fitiavany sy ny famindrampony no namonjeny azy ireo, ary nanandratra sy nitondra azy ireo tamin'ny fotoana fahiny rehetra Izy.
[10]Fa nikomy sy sosotra tamin'ny Fanahy Masiny izy ireo. Ka tonga fahavalon'izy ireo Izy ary niady hanohitra azy ireo.
[11]Ny olony dia nihevitra ireo fotoanan'i Mosesy fahiny. Hoy izy ireo: "Aiza Andriamanitra, izay nitondra azy ireo nivoaka tao amin'ny ranomasina miaraka amin'ny mpiandry ny ondry aman'osiny? Aiza Andriamanitra, izay nametraka ny Fanahy Masina teo amin'izy ireo?
[12]Aiza Andriamanitra, ilay nanao ny heriny be voninahiny nandeha tamin'ny tanana ankavanan'i Mosesy, ary nampisaraka ny rano teo anoloan'izy ireo, mba hanaovana anarana mandrakizay ho azy?[13]Aiza Andriamanitra, ilay nitondra azy ireo tamin'ny rano lalina? tahaka ny soavaly mihazakazaka eny amin'ny tany mahitsy, tsy tafintohina izy ireo.
[14]Toy ny biby fiompy izay midina an-dohasaha, ny Fanahin'i Yaveh nanome fitsaharana azy ireo. Ka nitondra ny vahoakanao ianao, mba hanaovana anarana fiderana ho anao.
[15]Mijere ambany avy eny amin'ny lanitra ary miambena avy eny amin'ny fonenanao masina sy be voninahitra. Aiza ny zotom-ponao sy ny asanao mahery? Ireo asa famindrampo sy ny fangorahanao dia notazomina taminay.[16]Satria rainay ianao, fa Abrahama tsy mahalala anay, ary Israely tsy mahafantra anay, ianao, ry Yaveh, no rainay. 'Mpanavotra anay' no efa anaranao hatramin'ny fahiny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Ry Yaveh, nahoana no avelanao hirenireny hiala amin'ny lalanao izahay ary manamafy ny fonay, mba tsy hankatoavanay Anao? Miverena noho'ny amin'ireo mpanomponao', ny fokon'ny lovanao.
[18]Fotoana fohy no nananan'ny vahoakanao ny toeranao masina, dia nitsakitsahin'ny fahavalonay izany.[19]Tonga tahaka ireo izay tsy mbola nofehizinao izahay, tahaka ireo izay tsy mba nantsoina tamin'ny anaranao."

64 [1]"Endrey, raha manasaraka ny lanitra Ianao ka midina! Dia hiozongozona eo anatrehanao ny tendrombohitra,[2]tahaka ny afo rehefa mirehitra amin'ny borosy hazo, na ny afo mampangotraka rano. Endrey, fa ho fantatr'ireo fahavalonao ny Anaranao, fa hangovitra eo anatrehanao ny firenena!
[3]Taloha, raha nanao zava-mahagaga izay tsy nandrasanay Ianao, dia nidina Ianao, ary nangovitra teo amin'ny fanatrehanao ny tendrombohitra.[4]Hatramin'ny taloha dia tsy nisy nahare na nahafantatra, na nahita maso Andriamanitra afa-tsy Ianao, izay manao zavatra ho an'izay miandry Azy.
[5]Tonga manampy ireo izay mifaly amin'ny fanaovana ny marina Ianao, ireo izay mahatsiaro ireo lalanao sy mankatò ireny. Tezitra Ianao raha nanota izahay. Avotra tamin'ny lalanao foana izahay.
[6]Fa tonga tahaka ireo maloto avokoa izahay, ary ireo asam-pahamarinanay rehetra dia tahaka ny ravin-dambam-padim-bolana. Malazo tahaka ny ravina avokoa izahay; ireo helokay dia tahaka ny rivotra, mitondra anay lavitra.[7]Tsy misy miantso amin'ny Anaranao, na miezaka mba hifikitra Aminao. Fa nanafina ny tavanao taminay Ianao ary mandamaka anay eo amin'ny tanan'ireo helokay.
[8]Nefa, ry Yaveh, Ianao no Rainay; izahay no tanimanga. Ianao no mpamolavola anay; ary izahay rehetra no asan'ny tananao.[9]Aza tezitra loatra, ry Yaveh, na koa mahatsiaro ireo otanay hanohitra anay. Mba miangavy re jereo izahay rehetra, olonao.
[10]Tonga tany karakaina ireo tanànanao masina; tonga tany karakaina i Ziona, lao i Jerosalema.[11]Ny tempolinay masina sy tsara, izay nideran'ny razanay Anao, dia ravan'ny afo, ary ireo rehetra izay maminay dia niongana.[12]Ahoana no mbola hitazananao fotsiny, ry Yaveh? Ahoana Ianao no mitazona fahanginana ary mbola manala baraka anay hatrany?"

65 [1]"Efa vonona ny ho ren'ireo izay tsy nanontany Aho; vonona ny ho hitan'ireo izay tsy nitady. Hoy Aho hoe: 'Inty Aho! Inty Aho!' ho amin'ny firenena izay tsy niantso ny anarako.[2]Efa namelatra ny tanako tontolo andro ho tamin'ny vahoaka mafy hatoka Aho, izay mandeha amin'ny lalana izay tsy tsara, izay efa nandeha araka ny saim-pantany sy ny fikasany!
[3]Izy ireo dia vahoaka izay tsy mitsahatra manafintohina Ahy, manao sorona ao amin'ireo zaridaina, ary mandoro ditin-kazo manitra eo ambony tanimanga.[4]Miambina eo amin'ny fasana izy ireo ary eo mandritry ny alina, ary mihinana henan-kisoa miaraka amin'ny ron'ny hena fahavetavetana eo an-dovian'izy ireo.
[5]Hoy izy ireo hoe: 'Miataha, aza manakaiky ahy, fa izaho dia masina kokoa noho ianao.' Ireo zavatra ireo dia teo am-bavoroko, afo izay mandoro mandritry ny tontolo andro.
[6]Indro, voasoratra eo anoloako hoe: Tsy hangina Aho, fa hampanefa azy ireo; hamaly azy ireo eo am-pofoany,[7]fa ny fahotan'izy ireo sy ny razany dia mitambatra," hoy Yaveh. "Hamaly azy ireo noho'ny fandorana ditin-kazo manitra tao amin'ireo tendrombohitra sy nohon'ny fanesoana Ahy tao amin'ireo havoana Aho. Noho izany dia handrefy ireo asa vitan'izy ireo eo am-pofoany Aho."
[8]Izao no lazain'i Yaveh: "Tahaka ny ranom-boankazo hita ao an-tsampahom-boaloka, ka milaza ny iray hoe: 'Aza simbana io, satria misy tsara ao aminy,' izany no hataoko nohon'ny amin'ny mpanompoko: Tsy handringana azy rehetra Aho.
[9]Hitondra taranaka avy amin'i Jakoba, sy avy amin'i Joda izay hanana ireo tendrombohitro Aho. Ireo izay voafidiko dia hanana ny tany, ary ny mpanompoko dia honina ao.[10]Sarona dia ho tonga fiandrasana ondry aman'osy, ary ny lohasahan'i Akora ho toerana fampandrian'omby, ho an'ireo oloko izay mitady Ahy
[11]Fa ianareo izay mandao an'i Yaveh, izay manadino ny tendrombohitro masina, izay manomana latabatra ho an'ny andriamanitra Gada, ary mameno divay voaharo ny fisotroana ho an'ny andriamanitra Meny.
[12]Handahatra anao ho an'ny sabatra Aho, ary ianareo dia hiankohoka amin'ny fahafatesana avokoa, satria fony niantso Aho, dia tsy namaly ianareo; fony niteny Aho, dia tsy nihaino ianareo. Fa nanao izay ratsy teo anatrehako sy nisafidy ny hanao izay tsy mahafaly Ahy ianareo."
[13]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: "Indro, hihinana ny mpanompoko, fa ianareo kosa ho noana; indro, hisotro ny mpanompoko, fa ianareo kosa hangetaheta; indro, hiravoravo ny mpanompoko, fa ianareo kosa ho menarina.[14]Indro hihiaka fifaliana ny mpanompoko nohon'ny hafaliam-po, fa ianareo kosa hitomany nohon'ny fanaintainan'ny fo, ary hidradradradra nohon'ny fahatorotoroan'ny fanahy.
[15]Hamela ny anaranareo ho ozona ho an'ireo voafidiko mba hiteny ianareo; Izaho, ilay Tompo Yaveh, no hamono anareo; Ho antsoiko amin'ny anarana hafa ireo mpanompoko.[16]Na iza na iza manambara fitahiana ao amin'ny tany dia ho voatahiko, ilay Andriamanitry ny fahamarinana. Na iza na iza mianiana amin'ny tany dia mianiana amin'ny alalako, ilay Andriamanitry ny fahamarinana, satria ho adinoina ireo loza taloha, fa hiafina tsy ho hitan'ny masoko ireo.
[17]Fa indro, hamorona lanitra vaovao sy tany vaovao Aho; ary ireo zavatra taloha dia tsy tsaroana na hampatsiahivina.[18]Fa ho faly ianareo ary hiravo mandrakizay ao amin'izay vao ho foroniko. Indro, hamorona an'i Jerosalema ho fifaliana, ary

ny mponiny ho sitraka Aho.[19]Hiravoravo manerana an'i Jerosalema, sy ho faly eo amin'ireo vahoakako Aho; ny tomany sy ny tarainan'ny fahoriana dia tsy ho re ao aminy intsony.
[20]Tsy hisy zaza madinika hiaina andro vitsy intsony ao; na lehibe maty mialohan'ny androny. Izay maty amin'ny faha zato taona dia heverina ho olona maty tanora. Izay tsy mahatratra ny faha arivo taona dia heverina ho voaozona.[21]Hanorina trano izy ireo ka honina ao amin'izany, ary hamboly voaloboka ka hihinana ny voany.
[22]Tsy hanorina trano intsony izy ireo ka ny hafa no hipetraka ao amin'izany; tsy hamboly izy ireo ka ny hafa no hihinana; fa ny andron'ny hazo maniry no ho andron'ny vahoakako. Ny voafidiko dia hisitraka feno ny asan'ny tanany.[23]Tsy hiasa maina izy ireo, na hiteraka mba hampitahotra. Satria izy ireo sy ireo taranany dia zanak'ireo izay voatahin'i Yaveh.
[24]Mialohan'ny hiantsoan'izy ireo, dia hamaly Aho; ary raha mbola eo am-pitenenana izy ireo, dia hihaino Aho.[25]Ny amboadia sy ny zanak'ondry dia hiara-hiraoka, ary ny liona hihinana mololo tahaka ny omby; fa vovoka no ho sakafon'ny bibilava. Tsy handratra na hamotika eny amin'ny tendrombohitro intsony izy ireo" hoy Yaveh.

66 [1]Izao no lazain'i Yaveh hoe: "Ny lanitra no seza fiandrianako, ary ny tany no fitoeran-tongotro, aiza ary ny trano izay haorinao ho Ahy? Aiza ny toerana izay ahafahako miala sasatra?
[2]Ny tanako no nanao ireo zavatra rehetra ireo; izany no nahatonga ireny zavatra ireny hisy_izany no fanambaran'i Yaveh. Izao no olona izay ekeko, izay torotoro sy manenina am-panahy, ary izay mangovitra amin'ny teniko.
[3]Izay mamono omby dia mamono olona ihany koa; izay manao sorona ny zanak'ondry dia manapaka ny vozon'alika; izay manolotra fanatitra hoanina dia manolotra ràn-kisoa; izay manolotra ditin-kazo manitra ho fahatsiarovana dia misaotra ny faharatsiana. Nisafidy ireo lalany izy ireo, ary naka fahafinaretana tamin'ireo fahavetavetany.
[4]Tahaka izany koa no hisafidianako ny famaizana azy ireo ihany; hoentiko eo amin'izy ireo izay hatahorany, satria rehefa niantso Aho, dia tsy nisy namaly; rehefa niteny Aho, dia tsy nisy na iray aza ka nihaino. Nanao izay ratsy teo imasoko izy ireo, ary nisafidy ny hanao izay zavatra nampahatezitra Ahy."
[5]Mihainoa ny tenin'i Yaveh, ianao izay mangovitra amin'ny teniny hoe: "Ireo rahalahinao izay mankahala sy manilika anao nohon'ny anarako niteny hoe: 'Aoka homem-boninahitra i Yaveh, dia ahita ny hafalianao Izy,' fa ho menatra izy ireo.
[6]Ny feon'ny ady mitabataba dia avy any amin'ny tanàna, feo avy ao amin'ny tempoly, ny feon'i Yaveh mamaly ireo fahavalony.
[7]Fony mbola mietsi-jaza izy, dia teraka; mialoahan'ny fanaintainana ho eo aminy, dia niteraka zazalahy izy.[8]Iza no naheno zavatra toy izany? Iza no efa nahita zavatra toy izany? Moa ve ho teraka anaty andro iray ny tany? Afaka hiorina anatin'ny fotoana iray ny firenena? Fony mbola tsy nihetsi-jaza i Ziona, dia efa niteraka ireo zanany.
[9]Moa ve mitondra zaza amin'ny fahavononan'ny fahaterahana Aho ka tsy mamela ny zaza ho teraka? _nanontany Yaveh. Na nitondra zaza amin'ny fotoanan'ny fiterahana ka hamerina izany? _manontany Andriamanitrao."
[10]Mifalia miaraka amin'i Jerosalema ary mifalia ho azy, ianareo rehetra izay tia azy; mifalia miaraka aminy, ianareo rehetra izay malahelo azy![11]Fa hitaiza ianao ary ho afapo; hampiononina eo amin'ireo nonony ianao; fa hisotro izany amin'ny hafenoana sy fahafinaretanan'ny voninahiny be ianao.
[12]Izao no lazain'i Yaveh: "Handeha hampiely fanambinana manerana azy tahaka ny renirano Aho, ary ny haren'ny firenena ho tahaka ny loharano mitondraka. Hinono amin'ny ilany ianao, ho eo an-tsandriny, ary ho ahindrahindra eo amin'ireo lohaliny.[13]Tahaka ny ankaherezan'ny reny ny zanany, noho hankaherezako anao, ary hankaherezina ianao ao Jerosalema."
[14]Hahita izany ianao, dia hifaly ny fonao, ary ny taolanao hitsimoka tahaka ny ahi-maitso. Hampahafantarin'i Yaveh ireo mpanompony ny tanany. Fa hampiseho ny hatezerany hanohitra ireo fahavalony Izy.
[15]Fa indro, tonga miaraka amin'ny afo, ary tonga tahaka ny tafio-drivotra ireo kalesiny mba hitondra ny hafanan'ny fahatezerany sy ny fitenenany mafy miaraka amin'ireo lelan'afo.[16]Fa hanao ny fitsarana amin'ny olombelona amin'ny alalan'ny afo sy ny sabany Izy. Ho maro ireo izay hovoavonon'i Yaveh.
[17]Manamasina ny tenany sy manadio ny tenany izy ireo, ka afaka miditra ao an-tsaha, manaraka ny iray izay eo afovoany mihinana nofon-kisoa sy ireo zavatra vetaveta tahaka ny voalavo.[1]"Ho avy amin'ny fiafarana izy ireo_izany no fanambaran'i Yaveh."
[18]Fa fantatro ireo asany sy ireo eritreriny. Ho avy ny fotoana rehefa hanangona ireo firenena sy ireo fiteny rehetra Aho. Ho avy izy ireo ary hahita ny voninahitro.[2][19]Hametraka famantarana mahery eo amin'izy ireo Aho. Avy eo dia handefa ireo sisa tsy maty avy amin'izy ireo any amin'ireo firenena Aho: Any Tarsisy, Pola, ary Lydia, mpandefa zana-tsipìka izay manenjana ireo tsipìkany, Amin'i Tobala, Javana, ary ireo amoron-tsiraka alavitra izay tsy nahenoan'izy ireo Ahy na nahitany ny voninahitro. Hanambara ny voninahitro manerana ny firenena izy ireo.
[20]Hampiverina ireo rahalainao rehetra hivoaka ireo firenena rehetra izy ireo, tahaka ny fanatitra ho an'i Yaveh. Ho avy amin'ny soavaly, sy anatin'ireo kalesy, anatin'ireo filanjana, ambonin'ireo ampondra, ary ambonin'ireo rameva, ho any amin'i Jerosalema tendrombohitro masina_hoy Yaveh. Fa ny vahoakan'i Israely dia hitondra fanatitra vary anaty lovia madio ho ao an-tranon'i Yaveh.[21]Na ny sasany amin' izyireo aza dia hofidiko ho mpisorona sy Levita_hoy Yaveh.
[22]Fa tahaka ireo lanitra vaovao sy tany vaovao izay hataoko dia hitoetra eo anatrehako_izao no fanambaran'i Yaveh_ka hitoetra ireo taranakao, ary hitoetra ny anaranao.[23]Fa amin'ny volana iray ka hatramin'ny manaraka, ary ny Sabata iray ka hatramin'ny manaraka, ho avy hiankohoka Amiko ireo olona rehetra_hoy Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Hivoaka izy ireo ary hahita ireo fatin'olona izay nikomy hanohitra Ahy, fa ny kankana izay mihinana azy ireo dia tsy ho faty, ary ny afo izay handevina azy ireo dia tsy ho voavono; ary ho rikoriko ho an'ny nofo rehetra izany."

[1]Fanamarihana: Ity andininy ity dia tena sarotra, ka ny dikan-teny taty aoriana dia namorona fandikana maro isan-karazany.
[2]Fanamarihana: Ity andiany ity dia tena sarotra ka ny dikan-teny taty aoriana dia namorona fandikana maro samihafa.

Jeremia

1 [1]Ireto no tenin'i Jeremia zanak'i Hilkia, iray amin'ireo mpisorona tao Anatota tao amin'ny tanin'i Benjamina. [2]Tonga taminy ny tenin'i Yaveh tamin'andron'i Josia zanak'i Amona, mpanjakan'i Joda, tamin'ny fahatelo ambin'ny folo taona nanjakany. [3]Tonga ihany koa izany tamin'ny andron'i Joiakima zanak'i Josia, mpanjakan'i Joda, hatramin'ny volana fahadimy tamin'ny taona fahiraika ambin'ny folo nanjakan'i Zedekia zanak'i Josia, mpanjakan'i Joda, rehefa nalaina ho gadra ny vahoakan'i Jerosalema.
[4]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [5]"Talohan'ny nanaovako anao tao am-bohoka, dia efa nifidy anao Aho; talohan'ny nivoahanao tao am-bohoka dia efa natokako ianao; dia efa nanao anao ho mpaminany amin'ireo firenena Aho." [6]"Oh, ry Yaveh Tompo!" Hoy aho hoe: "Tsy mahay miresaka aho, fa mbola tanora loatra."
[7]Fa i Yaveh nilaza tamiko hoe: "Aza manao hoe 'tanora loatra aho.' Fa tsy maintsy mandeha ianao na aiza na aiza hanirahako anao, ary tsy maintsy milaza izay rehetra handidiako anao ianao! [8]Aza matahotra azy ireo, fa momba anao mba hamonjy anao Aho—izany no fanambaran'i Yaveh."
[9]Koa dia naninjitra ny tanany i Yaveh, nikasika ny vavako, ary nilaza tamiko hoe: "Ankehitriny, efa napetrako eo am-bavanao ny teniko. [10]Anio Aho dia manendry anao eo amin'ireo firenena sy eo amin'ireo fanjakana, mba hanongotra sy handrodana, mba handringana sy handrava, mba hanorina ary hamboly.
[11]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: "Inona no hitanao, ry Jeremia?" Hoy aho hoe: "Mahita rantsan-kazo amygdala aho." [12]Hoy i Yaveh tamiko: "Efa nahita tsara ianao, fa mitandrina ny teniko Aho mba hanatanteraka izany."
[13]Tonga tamiko fanindroany ny tenin'i Yaveh, manao hoe: "Inona no hitanao?" Ary hoy aho: "Vilany mahamay no hitako, izay mangotraka ny tampony, mitongilana mianavaratra." [14]Hoy i Yaveh tamiko hoe: "Hisokatra avy any avaratra amin'izay rehetra monina ao amin'io tany io ny loza.
[15]Ambaran'i Yaveh, fa hiantso ny foko rehetra avy any avaratran'ny fanjakana Aho. Ho tonga izy ireo, ary ny rehetra dia hametraka ny seza fiandrianany eo amin'ny vavahady fidirana ao Jerosalema, hanohitra ireo manda rehetra manodidina izany, ary hanohitra ireo tanàn'i Joda rehetra. [16]Izaho dia hanonona didim-pitsarana hanohitra azy ireo noho ny faharatsian'izy ireo rehetra tamin'ny fahafoizana Ahy, amin'ny fandoroana ditin-kazo manitra ho an'ireo andriamani-kafa, ary amin'ny fanompoana ireo izay namboarin'ny tanan'izy ireo ihany.
[17]Aoka ho vonona ny tenanao! Mitsangàna ary lazao azy ireo izay rehetra nandidiako anao. Aza torotoro manoloana azy ireo, sao hanorotoro anao manoloana azy ireo Aho! [18]Indro! Anio Aho dia efa nanao tanàna voaaro mafy, sy andry vy, ary manda varahina hanohitra ny tany manontolo ho anao— hanohitra ny mpanjakan'i Joda, ireo manam-pahefany, ireo mpisorony, ary ireo olona amin'ny tany. [19]Hiady hanohitra anao izy ireo, fa tsy haharesy anao, fa homba anao Aho mba hamonjy anao—izany no fanambaran'i Yaveh."

2 [1]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"Mandehana ary manambarà amin'i Jerosalema. Milazà hoe: "Izao no lazain'i Yaveh: Nahatsiaro ny anaranao Aho tamin'ny tsy fivadiham-pahatokianao tamin'ny fahatanoranao, ny fitiavanao tamin'ny fotoana nivadiantsika, rehefa nanaraka Ahy tany an'efitra ianao, dia ilay tany izay tsy namafazana.
[3]Israely dia natokana ho an'i Yaveh, ireo voaloham-bokatry ny vokany! Izay rehetra mihinana amin'ireo voaloham-bokatra dia nomelohina; tonga tamin'izy ireo ny loza—izany no fanambaran'i Yaveh."'
[4]Henoy ny tenin'i Yaveh, ry fianakavian'i Jakoba sy ry fianakavian'Israely rehetra. [5]Izao no lazain'i Yaveh: "Inona no olan'ny razambenareo Amiko, no niala lavitra tamin'ny fanarahana Ahy izy ireo? ka lasa nanaraka sampy tsy misy dikany sy lasa tsy misy dikany izy ireo? [6]Izy ireo dia tsy niteny hoe: 'Aiza i Yaveh, izay nitondra anay niakatra avy tao amin'ny tany Egypta? Aiza i Yaveh, izay nitarika anay tany an'efitra, tao amin'ny tanin'i Arabaha sy ny lavaka, tao amin'ny tany hay sy ny aizim-pito, tany iray izay tsy misy na iza na iza mandalo ary tsy misy mitoetra?'
[7]Fa nitondra anareo tany amin'ny tany Karmela Aho, mba hihinana ny voany sy ireo zavatra tsara hafa! Fa rehefa tonga ianareo, dia nolotoinareo ny taniko, nataonareo fahavetavetana ny lovako! [8]Ny mpisorona dia tsy nilaza hoe: 'Aiza i Yaveh?' ary ireo manam-pahaizana manokana amin'ny lalàna dia tsy miraraha ny momba Ahy! Ireo mpiandry ondry nanota tamiko. Ireo mpaminany naminany ho an'i Bala ary nanaraka ireo zavatra tsy mahasoa.
[9]Koa mbola hiampanga anareo hatrany Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—ary hiampanga ireo zanaky ny zanakareo Aho. [10]Fa miampità eny amin'ny sisin'i Kitima ka jereo. Mandefasa mpitondra hafatra ho any Kedara ka tadiavo ary jereo raha mbola nisy zavatra tahaka ity taloha. [11]Nifanakalo andriamanitra ve ny firenena, na dia tsy andriamanitra akory aza ireo? Kanefa ny oloko dia nanakalo ny voninahitr'izy ireo tamin'ny zavatra izay tsy afaka manampy azy ireo.[1]
[12]Mihovitrovitra ny lanitra noho izany! Aoka ho tohina sy hihorohoro—izany no fanambaran'i Yaveh. [13]Fa efa nanao ratsy roa tamiko ny vahoaka: Izy ireo dia nahafoy ny loharanon'ny ranovelona, nihady famorian-drano ho an'ny tenan'izy ireo, ary namaky famorian-drano izay tsy mahatazona rano akory.

[14]Moa andevo ve Israely? Teraka tao amin'ny tranon'ny tompony ve izy? Koa nahoana izy no lasa mpandroba? [15]Nierona taminy ny liona tanora. Nitabataba fatratra izy ireo ka nanao ny taniny ho mahatsiravina. Rava ireo tanànany ka tsy nisy mponina. [16]Ny vahoaka tao Memfisa sy Tapanesa ihany koa dia hanaratra ny karan-dohanao. [17]Moa tsy nanao izany tamin'ny tenanao ve ianao rehefa nahafoy an'i Yaveh Andriamanitrao, raha mbola nitarika anao tamin'ny lalana Izy?
[18]Koa ankehitriny, nahoana no mandeha amin'ny lalana ho any Egypta sy misotro ny ranon'i Sihora? Nahoana no mandeha amin'ny lalan'i Asyria ary misotro ny ranon'ny Onin'i Eofrata? [19]Mandatsa anao ny haratsianao, manasazy anao ny fivadihanao. Koa diniho izany ary takaro fa rehefa mahafoy an'i Yaveh Andriamanitrao ianao dia ratsy sy mangidy izany, ary aza matahotra Ahy—izany no fanambaran'i Yaveh Tompo tompon'ny maro.
[20]Fa efa nanapaka ny zioganao izay nanananao tamin'ny andro taloha Aho; efa namaha ireo gadranao Aho. Fa mbola milaza hatrany ianao hoe: 'Tsy hanompo aho!' satria mbola miankohoka amin'ny havoana avo rehetra sy eny ambany hazo mandravina rehetra ianao, ry mpijangajanga. [21]Tahaka ny voaloboka nosafidiana no namboleko anao, avy amin'ny voa tsara tokoa. Tamin'ny fomba ahoana no nanovànao ny tenanao ho ratsy, ho voaloboka ratsy? [22]Fa na manadio ny tenanao amin'ny ony na manasa ny tenanao amin'ny savony mahery aza ianao, dia loto eo anatrehako ny helokao—izany no fanambaran'i Yaveh Tompo.
[23]Ahoana no ahafahanao milaza hoe: 'Tsy maloto aho! Tsy nandeha nanaraka an'i Bala aho'? Jereo izay nataonao tao amin'ireo lohasaha! Diniho izay vitanao—rameva vavy haingam-pandeha mihazakazaka etsy sy eroa ianao,
[24]ampondradia zatra tany efitra, izay manimbolo hifoka rivotra! Iza no afaka hanakana ny faniriany? Amin'ny fotoana fahatairana dia tsy misy lahy mila manaraka azy; fa hahita azy ho azy izy ireo. [25]Tsy maintsy fehezinao ny tongotrao rehefa tsy manao kapa ary ny tendanao rehefa mangetaheta! Fa niteny ianao hoe: 'Tsy misy fanantenana izany! Tsia, tiako ireo vahiny ary mandeha manaraka azy ireny aho!'
[26]Tahaka ny fahafaham-barakan'ny mpangalatra rehefa hita izy, no hahafa-baraka ny ankohonan'Israely—izy ireo, ny mpanjakan'izy ireo, ireo andrian-dahiny, ireo mpisorony ary ireo mpaminaniny! [27]Ireo no miteny amin'ny hazo hoe: 'Ianao no raiko', ary amin'ny vato hoe: 'Ianao no niteraka ahy.' Fa ny lamosin'izy ireo no manatrika ahy fa tsy ny tavan'izy ireo. Na dia izany aza, dia miteny izy ireo amin'ny fotoan'ny olana hoe: 'Mitsangana ary vonjeo izahay!' [28]Aiza ireo andriamanitra nataonareo ho an'ny tenanareo? Aoka izy ireo hiarina raha maniry ny hamonjy anareo amin'ny fotoan'ny olanareo, fa ny isan'ny tanànanareo dia mitovy amin'ny isan'ny sampinareo, ry Joda!
[29]Koa nahoana ianareo no miampanga Ahy amin'ny fanaovana ny tsy mety? Efa nanota tamiko avokoa ianareo rehetra—izany no fanambaran'i Yaveh. [30]Zava-poana ny namaizako ny vahoakanao. Tsy hanaiky ny fepetra izy ireo. Ny sabatrareo dia nandrapaka ireo mpaminaninareo tahaka ny liona mpandrava! [31]Ianareo izay an'ity taranaka ity! Tandremo tsara ny teniko, dia ny tenin'i Yaveh! Efa tany efitra tamin'Israely ve aho? Na tanin'ny haizimpito lalina? Nahoana ny vahoakako no milaza hoe: 'Ndeha isika hirenireny, tsy handeha eo aminao intsony izahay'?
[32]Hanadino ny firavany ve ny virijiny, ary ny ampakarina ny voaliny? Efa andro tsy hita isaina izay no nanadinoin'izy ireo Ahy! [33]Akory ny hatsaran'ny lalanao hitady fitia. Efa nampianatra ny lalanao tamin'ny vehivavy ratsy fanahy aza ianao.
[34]Efa hita teny amin'ny akanjonao ny ràn'ny ain'izay tsy manan-tsiny, ny an'ny olona mahantra. Tsy hita nanao asa fandrobana ireo olona ireo.
[35]Fa hoy kosa ianao hoe: 'Tsy manan-tsiny aho, efa niala tamiko tokoa ny hatezerany.' Kanefa indro! Izaho dia hitsara anao nohon'ny fitenenanao hoe: 'Tsy nanota aho.' [36]Nahoana no hamaivaninao ity fiovana tamin'ny fombanao ity? Ho diso fanantenana amin'ny Egypta ihany koa ianao, toy ny tamin'i Asyria. [37]Ho kivy ihany koa ianao hiala avy ao, miaraka amin'ny tananao eo an-dohanao, satria i Yaveh efa nandà ireo izay nitokianao, ka tsy ho ampian'izy ireo ianao."

---

[a]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "ny voninahitr'izy ireo", ny dikan-teny sasany taloha kosa dia hoe: "ny voninahitro"

---

3 [1]"Raha misy lehilahy iray misaraka amin'ny vadiny ka miala aminy izy ary lasa vadin'olon-kafa, dia mbola hiverina aminy indray ve izy? Tsy haloto be ve izany tany izany? Efa niaina tahaka ny mpijangajanga izay manana sakaiza maro ianao; dia mbola hiverina amiko? —izany no fanambaran'i Yaveh. [2]Ampiakaro any amin'ireo momba ny masonao ary jereo! Misy toerana mbola tsy niraisanao ara-nofo antsokosoko ve? Teo amoron-dalana ianao no nipetraka niandry ireo sakaizanao, toy ny Araba any an'efitra. Efa nolotoinao tamin'ny fijangajanganao sy ny faharatsianao ny tany.
[3]Ka notohanana ny loharano ary tsy tonga ny fara-orana. Fa ny tavanao miavonavona, toy ny tarehim-behivavy mahatsiravina. Nolavinao ny hatsapa henatra. [4]Mba efa niantso ahy ve ianao izao hoe: "Ry raiko! Ny namako akaiky avy amin'ny fahatanorako! [5]Dia ho tezitra amiko foana ve izy? Dia ho tazominy hatramin'ny farany ve ny hatezerany?' Indro! Izany no efa nolazainao, nefa ataonao ny ratsy rehetra afaka ataonao!"
[6]Ary hoy Yaveh tamiko tamin'ny andron'i Josia mpanjaka: "Efa itanao ve izay fivadihana nataon'ny Israely? Dia niakatra nanerana ny havoana avo rehetra izy teo ambany ala mikitroka, ary tany no nanaovany toy ny fijangajangana. [7]Hoy aho: 'Aorian'ny anaovany izany zavatra rehetra izany, dia hiverina amiko izy,' saingy tsy niverina izy. Avy eo ny anabavin'ny Joda mpivadika nahita ireo zavatra ireo.
[8]Koa dia hitako fa, tamin'ny fomba mitovy no efa nijangajangan'Israely mpivadika ary efa nandroaka azy aho ary efa nomeko hanohitra azy ny vavan'ny fisaraham-panambadiana, ny anabavin'ny Joda mpivadika tsy mba natahotra; nivoaka ihany koa izy ary nanao tahaka ny fijangajangana; [9]tsy nisy dikany taminy ny fijangajangany; nitety ny tany izy;

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ary nanao fanitsakitsaham-bady tamin'ireo vato sy hazo izy. [10]Ary taorian'izany rehetra izany, ny anabavin'ny Joda mpivadika dia niverina taminy, tsy tamin'ny fony rehetra, fa tamin'ny lainga—izany no fanambaran'i Yaveh."
[11]Dia niteny tamiko Yaveh hoe: "Marina kokoa noho ny joda mpivadika ny Israely mpivadika! [12]Mandehana ary ambarao any avaratra ireo teny ireo. Lazao hoe: "Miverena, ry Israely mpivadika! —izany no fanambaran'i Yaveh—tsy ho tezitra aminareo foana Aho. Hatramin'izay maha mpatoky Ahy—Izany no fanambaran'i Yaveh—tsy hijanona ho tezitra mandrakizay aho.
[13]Aoka ianao hiaiky ny helokao, satria efa nanota tamin'i Yaveh Andriamanitrao ianao; efa nizara ny fombanao tamin'ireo vahiny ambany ny hazo midoroboka rehetra! Satria ianao tsy nihaino ny feoko! — Izany no fanambaran'i Yaveh.
[14]Miverena, ry vahoaka manam-pinoana! —izao no fanambaran'i Yaveh—Izaho no vadinareo! Halaiko ianareo, ny iray avy amin'ny tanàna ary ny roa avy amin'ny fianakaviana, ary ho entiko any amin'ny Ziona ianareo! [15]Homeko mpiandry ondry araka ny foko ianareo, ary hiambina anareo amin'ny fahaizana sy halalinan-tsaina izy ireo.
[16]Ary izao no hitranga, hitombo ianao ary hitondra voankazo any amin'ny tany amin'izany andro izany—izany no fanambaran'i Yaveh—ary dia hiteny foana izy ireo hoe: "Ny fiaran'ny faneken'i Yaveh!" Izany zavatra izany dia ho avy ao am-pon'izy ireo foana na ho tsaroana; tsy ho banga izany, ary ny iray hafa tsy ho vita.'
[17]Amin'io fotoana io dia hanambara mahakasika an'ny Jerosalema izy ireo hoe: 'Ity ny seza fiandrianan'i Yaveh,' ary ireo firenen-kafa rehetra dia hiangona any Jerosalema amin'ny anaran'i Yaveh. Dia handeha amin'ny hamafisan-dohan'ny faharatsian'ny fony foana izy ireo. [18]Amin'izany andro izany ny ankohonan'ny Joda dia handeha ao amin'ny ankohonan'ny Israely. Dia hiara tonga avy any amin'ny tany avaratra izy ireo mankany amin'ny tany izay nomeko ny razambenareo ho lova.
[19]Fa amiko, hoy aho hoe: "Endrey ny faniriko hanome voninahitra anao tahaka ny zanako lahy ary hanome anao tany tsara, lova tsara indrindra noho izay an'ny firenen-kafa! Tsy maintsy hiteny aho hoe: "Hiantso ahy ianao hoe: "Raiko". Dia niteny aho hoe tsy tokony nivadika tamin'ny fanarahana ahy ianareo. [20]Saingy tahaka ny vehivahy mahatoky ny vadiny, efa namadika Ahy ianao, ry ankohonan'Israely—izany no fanambaran'i Yaveh."
[21]Re teny amin'ireo tany lemaka ny feo, ny tomany sy ny fiangavian'ny vahokan'Israely! Fa nanova ireo fombany izy ireo, efa hadinon'izy ireo Yaveh Andriamanitr'izy ireo. [22]"Miverena, ry vahoaka tsy manam-pinoana! Ho sitraniko amin'ny fitaka ianareo." Indro! Hoavy any Aminao izahay, fa Ianao no Yaveh Andrimanitray!
[23]Ho avy eny amin'ireo havoana tokoa ireo lainga, ny feo mampisafotofoto avy amin'ireo tendrombohitra; Yaveh Andriamanitra tokoa no famonjen'Israely. [24]Fa efa nanimba ny asan'ny razambe antsika Ireo sampy mahamenatra— ireo ondry aman'osy sy ny biby fiompin'izy ireo, ireo zanaka lahy sy zanaka vavin'izy ireo! [25]Avelao izahay handry eo amin'ny fahamenarana. Andrakotra anay anie ny henatray, fa efa nanota tamin'i Yaveh Andriamanitray izahay! Izahay tenanay sy ny razambe anay, tamin'ny fotoan'ny fahatanoranay ka hatramin'izao andro izao, dia mbola tsy naheno ny feon'i Yaveh Andriamanitray!"

4 [1]"Raha miverina ianao, ry Israely— izao no fanambaran'i Yaveh—dia Amiko no tokony hiverenanao. Raha hesorinao tsy ho eo anoloako ireo zavatra maharikorikonao ary tsy hiala eo amiko indray ianao, [2]dia aoka ianao ho feno fahamarinana, hahitsy, ary ho marina rehefa mianiana hoe: 'Raha mbola velona koa Yaveh.' Dia ho sambatra ao aminy ireo firenena, ary ao aminy no hanomezan'izy ireo voninahitra." [3]Fa izao no lazain'i Yaveh amin'ny olona tsirairay tao Joda sy Jerosalema: 'Ny taninao ihany no hasao, ary aza mamafy eny amin'ny tsilo.
[4]Forao ho an'i Yaveh ny tenanareo ary esory ny hoditra manarona ny fonareo, ry lehilahin'i Joda sy mponin'i Jerosalema, raha tsy izany dia hivoaka toy ny afo ny fahatezerako, ka hirehitra tsy misy hamono azy, nohon'ny faharatsian'ny asanareo. [5]Tantero any Joda ary aoka izany ho re ao Jerosalema. Lazao hoe: "Tsofy eo amin'ny tany ny trompetra." Torio hoe: "Miangòna. Andeha isika hankany amin'ireo tanàna voaaro." [6]Asandrato ny saina famantarana ary ataovy manondro an'i Ziona izany, ary mitsoaha hitady fiarovana! Aza mijanona, satria hitondra loza avy any avaratra Aho ary fandrodanana lehibe.
[7]Misy liona hivoaka avy ao an-kirihiny ary efa miainga ny olona izay handringana ny firenena. Mandao ny toerany izy mba hitondra horohoro eo amin'ny taninao, hamadika ireo tanànanareo ho faharavana, izay tsy hisy honina. [8]Noho izany, rakofy lamba fisaonana ny tenanao, mitomania ary midradradradrà. Fa tsy niala tamintsika ny herin'ny fahatezeran'i Yaveh.
[9]Ary hitranga izany amin'izany andro izany—izao no fanambaran'i Yaveh—dia ho ketraka ny fon'ny mpanjaka sy ireo mpifehiny. Hihoron-koditra ireo mpisorona, ary hivarahontsana ireo mpaminany."' [10]Koa hoy aho hoe: "Oh! Ry Tompo Yaveh. Namitaka ity vahoaka ity sy Jerosalema tokoa Ianao tamin'ny filazana hoe: 'Hisy fiadanana ho anareo.' Kanefa ny sabatra dia mamely ny ain'izy ireo."
[11]Amin'izany fotoana izany dia ho lazaina amin'ity vahoaka ity hoe: "Hisy rivotra mandoro avy any amin'ny lemak'ireo efitra hanao ny lalany ho any amin'ny zanaka vavin'ny oloko. Tsy hikororoka na hanadio azy ireo izany. [12]Hisy rivotra mahery lavitra noho izany ho avy amin'ny fibaikoako, ary hanome sazy azy ireo Aho.
[13]Indro, mamely tahaka ny rahona izy, ary tahaka ny tafiotra ny kalesiny. Haingan-pandeha noho ny voromahery ny soavaliny. Loza ho antsika, fa ho rava isika! [14]Diovy hiala amin'ny faharatsiana ny fonao ry Jerosalema mba ho avotra

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ianao. Ho Mandra-pahoviana ny fihevitrao lalina indrindra no ho amin'ny fahotana? [15]Fa nisy feo nitondra vaovao avy any Dana, ary ny loza ho avy dia re avy any an-tendrombohitr'i Efraima.
[16]Ataovy sainin'ny firenena izao: Indro, ambarao amin'i Jerosalema fa misy mpanao fahirano ho avy avy any an-tany lavitra mba hihiaka ady amin'ny tanànan'i Joda. [17]Ho tahaka ireo mpiambina manodidina ny saha fambolena izy ireo hanohitra azy, satria efa nikomy nanohitra Ahy izy—izany no fanambaran'i Yaveh— [18]ary ny fitondran-tenanareo sy ny asanareo dia nahatonga ireo zavatra ireo taminareo. Izany no ho famaizana anareo. Hatsiravina tokoa izany! Handona ny fonareo mihitsy izany.
[19]Ry foko! Ry foko! Mitaintaina ny ao am-poko. Mangorohoro ato anatiko ny foko. Tsy afa-mangina aho satria reko ny feon'anjomara, fanairana ho amin'ny ady. [20]Ny loza omban'ny loza; fa mitoetra amin'y faharavana ny tany manontolo. Tampoka teo dia rava ny laiko, sy ny lambako tao anatin'ny fotoana fohy.
[21]Ho mandra-pahoviana no ahitako ny zavatra mitovy amin'izany? No hahenoko ny feon'anjomara? [22]Fa ny fahadalan'ny oloko—tsy mahalala Ahy izy ireo. Vahoaka adaladala izy ireo ary tsy manana fahazavan-tsaina. Kinga amin'ny ratsy izy ireo, saingy tsy mahay manao ny tsara.
[23]Hitako ilay tany. Indro! Tsy nisy endriny sady foana izany. Fa tsy nisy fahazavana ho an'ny lanitra teo. [24]Nitazana ny tendrombohitra Aho. Indro, nangovingovitra ireo, ary ny havoana dia nihovitrovitr. [25]Nijery aho. Indro, tsy nisy na iza na iza, ary ny voron'ny lanitra rehetra dia nandositra avokoa. [26]Nijery aho. Indro, tany efitra ny tanim-boly ary ny tanàna dia voasintona nidina teo anatrehan'i Yaveh, teo anatrehan'ny fisafoaky ny fahatezerany."
[27]Izao no lazain'i Yaveh: "Ho tonga faharavana avokoa ny tany manontolo, saingy tsy ho potehiko tanteraka izany. [28]Noho izany antony izany, dia hisaona ny tany, ary ny lanitra any ambony dia hihamaizina. Fa efa nambarako ny fikasako; tsy hihemotra Aho; tsy hivadika amin'ny fanatanterahana azy ireo Aho. [29]Handositra amin'ny kotaban'i mpitaingin-tsoavaly sy ny mpandefa tsipìka miaraka amin'ny zana-tsipika ny tanàna rehetra; hihazakazaka ho any an'ala izy ireo. Ny tanàna rehetra dia hianika eny amin'ny toerana feno vatovato; ho foana ireo tanàna, satria tsy hisy olona honina ao amin'ireny.
[30]Ary ankehitriny rehefa rava ianao, inona no ho ataonao? Fa na dia miakanjo jaky aza ianao, mihaingo firavaka volamena, ary manabe kokoa ny masonao amin'ny loko, ireo lehilahy izay nitsiriritra anao dia efa nandà anao izao. Fa kosa, mitady hifofo ny ainao izy ireo. [31]Koa reko ny feon'ny fangirifiriana, fahoriana tahaka ny amin'ny fahaterahan'ny zaza voalohan-teraka, dia ny feon'ny zanaka vavin'i Ziona. Misefosefo izy. Mamelatra ny tanany izy hoe: 'Loza ho ahy! Ketrak'ireo mpamono olona ireo aho.'"

5 [1]"Mihazakazaha maneran'ireo lalan'i Jerosalema; mitadiava ihany koa eny an-kianjan'ny tanànany. Ary diniho sy eritrereto ny momba izao: raha mahita olona na iza na iza manao ny marina ary miezaka mandeha am-pahatokiana, dia hamela an'i Jerosalema aho. [2]Na dia miteny aza izy ireo hoe: 'Raha mbola velona Yaveh,' dia manao fianianana diso izy ireo." [3]Ry Yaveh, moa ny masonao tsy mijery fahamarinana? Mamely ny olona Ianao, nefa tsy mahatsiaro fanaintainana izy ireo. Nandresy tanteraka azy ireo Ianao, nefa tsy mbola mety mandray fitsipika izy ireo. Manao ny tavany ho mafy noho ny vato izy ireo, satria mandà tsy hibebaka.
[4]Ka hoy aho hoe: "Azo antoka fa olona mahantra ihany ireo. Adala izy ireo, satria tsy mahalala ny lalan'i Yaveh, na ireo lalàn'ny Andriamanitr'izy ireo. [5]Handeha ho any amin'ny olona ambony aho ary hanambara ny hafatr'Andriamanitra amin'izy ireo, fa farafaharatsiny izy ireo mahalala ny lalan'i Yaveh, ireo lalàn'ny Andriamaniny." Kanefa niara-nandrava ny ziogany izy rehetra; nanapaka ny rojo vy izay namatotra azy ireo tamin'Andriamanitra izy rehetra. [6]Noho izany dia hisy liona avy ao anaty kirihitrala hanafika azy ireo. Hisy amboadia avy any Arabaha handrava azy ireo. Hisy leoparda miafina ho avy hanohitra ny tanànan'izy ireo. Izay mandeha any ivelan'ny tanànany dia ho ravàna. Fa mitombo ny fandikan-dalàn'izy ireo. Tsy misy fetra ny asa fivadihan'izy ireo.
[7]Nahoana aho no tokony hamela ireny olona ireny? Nandao ahy ireo zanakao ary nanao fianianana tamin'ireo izay tsy andriamanitra. Namahana feno azy ireo Aho, fa nijangajanga izy ireo ary nandeha maro an'isa tany amin'ireo tranon'ny mpivarotena. [8]Soavaly ao anaty fahatairana izy ireo. Nivezivezy te hiray izy ireo. Ny lahy tsirairay dia samy nihika tamin'ny vadin'ny mpiara-monina azy avy. [9]Koa tsy tokony hanasazy azy ireo ve Aho— izany no fanambaran'i Yaveh—ary tsy tokony hanao valifaty amin'ny firenena tahaka izany ve Aho?
[10]Miakàra eny amin'ny tanim-boalobony mimanda ary poteho. Fa aza mamotika tanteraka azy ireo. Esory ny voalobok'izy ireo satria tsy avy amin'i Yaveh ireo voaloboka ireo. [11]Fa namitaka Ahy tanteraka ny taranak'Israely sy Joda— izany no fanambaran'i Yaveh. [12]Niresaka diso momban'i Yaveh izy ireo ary hoy izy ireo hoe: "Tsy hanao na inona na inona Izy; tsy hisy ratsy ho avy amintsika, ary tsy hahita sabatra na mosary isika. [13]Ho tonga rivotra ireo mpaminany, tsy ao amin'izy ireo ny teny, koa aoka ho atao amin'izy ireo izay lazain'izy ireo."
[14]Noho izany Yaveh, ilay Andriamanitry ny maro dia milaza izao: "Satria nilaza izany ianao, dia indro, hapetrako ao am-bavanaro ny teniko. Ho tahaka ny afo izany, ary ity vahoaka ity ho tahaka ny hazo! Satria handevona azy ireo izany.
[15]Indro! hitondra firenena avy lavitra hanohitra anareo Aho, ry taranak'Israely—izany no fanambaran'i Yaveh— firenena maharitra izany, firenena taloha! Izany dia firenena izay tsy fantatrareo ny fiteniny, na ho azonareo izay lazainy.
[16]Ny tranon-jana-tsipìkany dia tahaka ny fasana misokatra. Miaramila avokoa izy rehetra. [17]Noho izany dia ho levona ny vokatrareo, ny zanakareo lahy sy vavy ihany koa, ary ny sakafonareo. Hihinana ireo ondry aman'osy sy biby fiompinareo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

izy ireo; hihinana ny vokatra avy amin'ny voaloboka sy hazon'aviavinareo izy ireo. Handrava amin'ny sabatra ny tanàna mimandanareo izay itokianareo izy ireo.
[18]Fa na dia tamin'ireo andro ireo aza— izao no fanambaran'i Yaveh— dia tsy manan-kevitry ny hamotika tanteraka anareo Aho. [19]Rehefa miteny ianareo, ry Israely sy Joda hoe: 'Nahoana Yaveh Andriamanintsika no nanao ireny zavatra rehetra ireny tamintsika?' ary avy eo ianao, ry Jeremia, hiteny amin'izy ireo hoe: 'Tahaka ny nafoizanareo an'i Yaveh sy nanompoanareo andriamanitra vahiny teo amin'ny taninareo, dia tsy maintsy hanompo vahiny eo amin'ny tany izay tsy anareo ihany koa ianareo.'
[20]Tatero any amin'ny taranak'i Jakoba ity ary aoka izany ho ren'i Joda. Lazao hoe: [21]'Henoy ity, ianareo ry vahoaka adala izay tsy manana fahazavan-tsaina; izay manana maso fa tsy afa-mahita, ary manana sofina ianareo fa tsy afa-mandre.
[22]Tsy matahotra Ahy ve ianareo—izany no fanambaran'i Yaveh—na mangovitra manoloana ny tavako? Nametraka tora-pasika nanohitra ny ranomasina Aho, lalàna efa mihatra izay tsy afaka dikaina izany— na dia manonjanonja aza ny ranomasina, dia tsy mbola mahadika azy izany. Na dia manonja mierona aza izany, dia tsy hihoatra an'izany.
[23]Fa manana fo mafy ity vahoaka ity. Mivily any amin'ny fikomiana izany ary dia nandao. [24]Satria izy ireo dia tsy niteny tao am-pon'izy ireo hoe: "Aoka isika hatahotra an'i Yaveh Andriamanintsika, ilay mitondra ny orana —ilay loha-orana sy fara-orana— amin'ny fotoanan'izany, mihazona ireo herinandro voatondron'ny vokatra ho antsika." [25]Nihazona ireo zavatra ireo tsy hitranga ny helokareo. Nanakana ny tsara ho avy aminareo ny fahotanareo.
[26]Satria hitako teo amin'ny oloko ny ratsy fanahy. Mijery toy ny olona mamitsaka hisambotra vorona izy ireo; nametraka fandrika izy ireo ary nisambotra olona. [27]Tahaka ny akany feno vorona, dia feno fitaka ny tranon'izy ireo. Koa miha mitombo izy ireo ary lasa manan-karena. [28]Niha natavy izy ireo; namirapiratra amin'ny fahamandinana. Niampita ny faharatsiana rehetra izy ireo. Tsy mitaraina amin'ny raharahan'ny olona izy ireo, na ny raharahan'ny kamboty. Ambinina izy ireo na dia tsy nanome rariny ny olona mila fanampiana aza. [29]Tsy tokony hanasazy azy ireo noho ireo zavatra ireo ve Aho— izany no fanambaran'i Yaveh—ary tsy hamaly faty ny firenena tahaka ity ve Aho?
[30]Habibiana sy horohoro no nitranga teo amin'ilay tany. [31]Maminany amim-pitaka ireo mpaminany, ary manapaka amin'ny fahefany manokana ireo mpisorona. Tian'ny oloko izany, fa inona no hitranga amin'ny farany?"'

6 [1]Mahità filaminana, ry vahoakan'i Benjamina amin'ny fandaozana an'i Jerosalema. Tsofy ao Tekoa ny trompetra. Mampiakàra famantarana manerana an'i Beti-hakerema, satria misy faharatsiana miseho avy any avaratra; misy fanorotoroana lehibe ho avy. [2]Ny zanaka vavin'i Ziona, ilay vehivavy tsara sy malefaka, dia ho potika. [3]Ireo mpiandry ondry sy ny ondry aman'osin'izy ireo dia handeha ho any amin'izy ireo; hametraka lay ny manodidina azy rehetra izy ireo; ny lehilahy tsirairay avy dia hiambina amin'ny tanany manokana.
[4]Manolora tena amin'ireo andriamanitra ho amin'ny ady. Mitsangàna, handeha isika hanafika amin'ny mitatao vovonana. Ratsy loatra raha toa ka tolaka ny andro, raha toa ka milatsaka ny aloky ny hariva. [5]Fa aoka isika hanafika amin'ny alina ary handrava ireo fiarovany mafy."
[6]Fa Yaveh tompon'ny maro dia milaza izao: Tapaho ireo hazony, ary manamboara tovon-tany hanoherana an'i Jerosalema. Io no tanàna tsara tafihana, satria feno fampahoriana ao. [7]Toy ny loharano mampiboiboika rano, dia manohy mamokatra faharatsiana io tanàna io. Herisetra sy korontana no re ao aminy; aretina sy ratra mandrakariva no eo anatrehan'ny tavako. [8]Hekeo ny fitsipika, ry Jerosalema, raha tsy izany dia hivadika aminareo Aho ary handrava anareo, ho tany tsy misy mponina.'"
[9]Yaveh tompon'ny maro dia milaza izao: "Azo antoka fa hitsipona ireo izay tavela ao Israely toy ny tanim-boaloboka izy ireo. Ahinjiro indray ny tananao mba hioty ireo voaloboka eny amin'ny hazom-boaloboka. [10]Amin'iza no tokony hanambarako sy hampitandremako vao hihaino izy ireo? Indro! tsy voafora ny sofin'izy ireo; tsy afaka ny hifantoka izy ireo! Indro! Efa tonga tamin'izy ireo ny tenin'i Yaveh mba hanitsiana azy ireo, saingy tsy ilain'izy ireo izany."
[11]Fa izaho dia feno ny hatezeran'i Yaveh. Reraky ny mihazona izany aho. Hoy Izy tamiko hoe: "Arotsaho amin'ireo ankizy eny an-dalana sy ireo antokon-jatovo izany. Fa ny lehilahy rehetra dia ho esorina amin'ny vadiny; ary ny zokiolona rehetra efa nahazo taona. [12]Ny tranon'izy ireo dia ho tolorana an'ireo hafa, miaraka amin'ireo tany sy ny vadin'izy ireo. Fa ho tafiako amin'ny tanako ny mponina ao amin'ilay tany—izany no fanambaran'i Yaveh.
[13]Nanambara Yaveh fa manonboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindr, izy rehetra dia fatra-pila harena amin'ny tsy rariny. Manomboka amin'ny mpaminany hatramin'ny mpisorona, izy rehetra ireo dia samy mpamitaka. [14]Nanasitrana ny ratran'ireo vahoakako mora fotsiny izy ireo, niteny hoe: "Fiadanana! Fiadanana!' tamin'ny tsy nisy fiadanana tao. [15]Afa-baraka ve izy ireo rehefa nanao fametavetana? Tsy afa-baraka izy ireo; tsy mahay mivara-mena izy ireo! Koa hianjera miaraka amin'ireo lavo izy ireo; ho entina midina izy ireo rehefa nosaziana, hoy Yaveh.
[16]Izao no lazain'i Yaveh: "Mijoroa eo amin'ny sampanan-dalana ary jereo; anontanio ny lalana taloha. 'Aiza izany lalana tsara izany?' Avy eo dia mandehana amin'izany ary mitadiava toerana fialan-tsasatra ho anareo. Fa hoy ny vahoaka hoe: 'Tsy handeha izahay.' [17]Nanendry mpiambina ho anareo Aho mba hihaino ny trompetra. Fa hoy izy ireo hoe: 'Tsy hihaino izahay.' [18]Noho izany, ry firenena, henoy! Indro, hijoro vavolombelona amin'izay hitranga amin'izy ireo ianareo. [19]Henoy, ry tany! Indro, hitondra loza eo amin'ity vahoaka ity Aho—ny vokatry ny eritreritr'izy ireo. Tsy niraharaha ny teniko na ny didiko izy ireo, fa nandà izany kosa."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Midika inona ho Ahy ny fiakaran'ny ditin-kazo manitra avy any Seba? Na ireo fofona malefaka avy any amin'ny tany lavitra? Tsy azoko ekena ny fanatitra doranareo, na ireo soronareo. [21]Ka nilaza izao Yaveh hoe: 'Indro, hametraka sakana amin'ity vahoaka ity Aho. Ho tafintohina eo amin'izany izy ireo—miaraka ao ireo ray sy ireo zanaka lahy. Ho ringana ihany koa ireo mponina sy ireo mpiara-belona.' [22]Izao no lazain'i Yaveh hoe: 'Indro, hisy vahoaka ho tonga avy any amin'ny tany avaratra. Fa misy firenena lehibe efa namporisihina ho tonga avy any amin'ny tany lavitra.
[23]Hitondra tsipika sy lefona izy ireo. Feno habibiana izy ireo ary tsy manana famindram-po. Toy ny fieron'ny ranomasina ny feon'izy ireo, ary mitaingina soavaly mitan-dahatra toy ny lehilahy mpiady izy ireo, ry zanaka vavin'i Ziona."" [24]Efa nandre ny vaovao momba azy ireo izahay. Ny tananay dia lasa malemin'ny fahoriana. Voasambotry ny fanaitainana toy ny vehivavy mitondra vohoka izahay.
[25]Aza mivoaka eny amin'ireo saha, ary aza mandeha eny amin'ny ireo lalana, satria ny sabatr'ireo fahavalo sy ny horohoro dia eny rehetra eny. [26]Ry zanaka vavin'ny oloko, misikina lamba fisaonana ary mihosena eo amin'ny vovoky ny fandevenana ho an'ny zaza tokana. Ataovy mangidy ho an'ny tenanareo ny fandevenana, satria ho avy tampoka eo amintsika ny mpandrava.
[27]"Ry Jeremia, efa nanao anao ho mpizaha ny vahoakako toy ny mpitsapa vy Aho, noho izany dia hanadihady ary hizaha ny fomban'izy ireo ianao. [28]Izy rehetra ireo no tena mafy loha indrindra amin'ny vahoaka, izay miroso amin'ny fanendrikendrehana an'ireo hafa. Izy rehetra ireo dia varahina sy vy, mpandrabiraby. [29]Ireo fitsofana dia main'ny afo izay mandoro azy ireo; ny firaka dia levona anaty afo. Nitohy ny fanefena teo amin'izy ireo, fa tsy misy dikany izany, satria tsy mbola niala ny ratsy. [30]Ho antsoina hoe volafotsy tsy lany ireo, satria efa nolavin'i Yaveh."

7 [1]Izao ny teny izay tonga tamin'i Jeremia avy tamin'i Yaveh: [2]"Mijoroa eo am-bavahadin'ny tranon'i Yaveh ary ambarao ity teny ity! Lazao hoe: "Henoy ny tenin'i Yaveh, ianareo ry Joda rehetra, ianareo izay miditra ao amin'ireo vavahady ireo mba hanompo an'i Yaveh.
[3]Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia nilaza hoe: amboary ny lalanareo ary manaova ny tsara, dia hanohy ny hiaina ao amin'ity toerana ity Aho. [4]Aza mitoky amin'ireo teny mamitaka manao hoe: "Tempolin'i Yaveh! Tempolin'i Yaveh! Tempolin'i Yaveh!"
[5]Fa raha manamboatra ny lalanareo tokoa ianareo sady manao ny tsara; raha tena manatanteraka feno ny rariny eo amin'ny olona sy ny mpiara-belona aminy tokoa ianareo— [6]raha tsy manararaotra ilay mijanona eo amin'ilay tany, ireo kamboty, na ireo mpitondratena ianareo ary aza mandatsa-dràn'olona tsy manan-tsiny eo amin'izany toerana izany, ary aza manaraka ireo andriamanin-kafa ampahory ny tenanareo ihany— [7]dia hamela anareo hitoetra eo amin'ity toerana ity Aho, any amin'ny tany izay nomeko an'ireo razanareo tamin'ny andro fahiny ary ho mandrakizay.
[8]Indro! Ianareo dia matoky ireo teny fitaka izay tsy manampy anareo. [9]Moa ve ianareo mangalatra, mamono, sy mijanganjanga? Mianiana amin'ny fitaka ve ianareo ary manolotra ditin-kazo manitra ho an'i Bala ary manaraka ireo andriamanin-kafa izay tsy mbola fantatrareo? [10]Dia tonga hijoro eo anatrehako ato amin'ity trano ity izay nantsoina amin'ny anarako ve ianareo ary hiteny hoe: "Avotra izahay," mba ahafahanareo manao ireo fahavetavetana rehetra ireo?
[11]Moa ve ity trano ity, izay mitondra ny anarako, zohin-jiolahy eo imasonareo? Kanefa indro, efa hitako izany— izany no fanambaran'i Yaveh.'
[12]Koa mandehana any amin'ny fitoerako izay any Silo, izay namelako ny anarako hitoetra tany am-piandohana, ary jereo ny nanaovako azy nohon'ny faharatsian'ny vahoakan'Israely. [13]Koa ankehitriny, nohon'ny fanaovanareo ireo fanaonareo rehetra ireo— izao no fanambaran'i Yaveh—nilaza taminareo ombieny ombieny Aho, nefa tsy nihaino ianareo. Nampiantso anareo Aho, nefa tsy namaly ianareo. [14]Noho izany, izay nataoko tamin'i Silo, dia ho ataoko amin'ity trano izay nantsoina amin'ny anarako ity, ilay trano izay nitokianareo, ity toerana izay nomeko anareo sy ny razanareo ity. [15]Fa handroaka anareo tsy ho eto anatrehako Aho tahaka ny efa nandroahako ireo rahalahinareo rehetra, ireo taranak'i Efraima rehetra.'
[16]Raha ny aminao, ry Jeremia, aza mivavaka ho an'ity vahoaka ity, ary aza manandratra ny fidradradradrana fitomaniana na manonona vavaka amin'ny anaran'izy ireo, aza mangataka amiko, fa tsy hihaino anao Aho. [17]Moa ve tsy hitanao ny ataon'izy ireo ao amin'ireo tanànan'i Joda sy eny amin'ireo lalan'i Jerosalema? [18]Manangona hazo ireo ankizy ary ireo ray mandrehatra afo! Ireo vehivavy mitoto koba hanaovana mofo mamy ho an'ny mpanjaka vavin'ny lanitra sy mandraraka fanatitra sotroina ho an'ireo andriamanin-kafa mba hiantsian'izy ireo Ahy.
[19]Tena mihantsy Ahy tokoa ve izy ireo? —izao ny fanambaran'i Yaveh—moa ve tsy ny tenan'izy ireo ihany no hihantsian'izy ireo, koa ao amin'izy ireo ihany izany fahamenarana izany? [20]Noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: 'Indro, ny fahatezerako sy ny fahavinirako dia ho avy amin'ity toerana ity, amin'ny olona sy ny bibidia, amin'ny hazo eny amin'ireo saha sy ny voa eo amin'ny tany. Hirehitra izany ary tsy ho faty mihitsy.'
[21]Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely: 'Hatovano amin'ireo soronareo sy ny hena avy aminy ireo fanatitra doranareo. [22]Fa rehefa nitondra ny razanareo hiala avy tao amin'ny tany Egypta Aho, dia tsy nitaky na inona na inona tamin'izy ireo. Tsy nanome didy azy ireo momba ny raharahan'ny fanatitra dorana sy ny sorona Aho. [23]Izao didy izao ihany no nomeko azy ireo: "Henoy ny feoko, dia ho Andriamanitrareo Aho ary ianareo ho oloko. Koa mandehana amin'ny lalana rehetra izay nandidiako anareo, mba hahitanareo soa."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Kanefa tsy nihaino izy ireo ary tsy nitandrina. Niaina tamin'ny fikasan-dratsin'ny fon'izy ireo ihany izy ireo, ka nihemotra, fa tsy nandroso. [25]Hatramin'ilay andro nivoahan'ny razanareo avy tao amin'ny tany Egytpa ka hatramin'izao andro izao, dia efa nandefa ny tsirairay tamin'ireo mpanompoko, ireo mpaminaniko, tany aminareo Aho. Nikiry tamin'ny fandefasana azy ireo Aho. [26]Nefa tsy nihaino Ahy izy ireo. Tsy niraharaha izy ireo. Fa kosa, nanamafy hatoka izy ireo. Ratsy fanahy mihoatra noho ny razambeny izy ireo.'
[27]Koa ambarao amin'izy ireo ireo teny rehetra ire, fa tsy hihiaino anao izy ireo. Ambarao amin'izy ireo izany zavatra rehetra izany, fa tsy hamaly anao izy ireo. [28]Lazao izy ireo fa ity no firenena tsy mihaino ny feon'i Yaveh Andriamaniny ary tsy mandray fananarana. Rava ny fahamarinana ary niala tamin'ny vavan'izy ireo.
[29]Tapaho ny volonao dia arato ny tenanao, ary ario ny volonao. Mihirà hira fisaonana eny ankalamanjana. Fa Yaveh dia efa nandà sy nahafoy ity taranaka ity tamin'ny fahatezerany. [30]Fa nanao ratsy teo imasoko ny zanak'i Joda—izany no fanamabaran'i Yaveh—nandefa ny zava-maharikorikon'izy ireo tao amin'ny trano izay antsoina amin'ny anarako izy ireo, mba handoto izany.
[31]Avy eo dia nanorina ny toerana avon'ny Tofeta izay any amin'ny lohasahan'i Ben-Hinema izy ireo. Nanao izany izy ireo handorana ireo zanaka lahy sy zanaka vavin'izy ireo amin'ny afo—zavatra izay tsy nandidiko, na niditra tao amin'ny saiko akory. [32]Koa indro, ho avy ireo andro—izany no fanambaran'i Yaveh—rehefa tsy ho antsoina ho Tofeta na lohasahan'i Ben-Hinema intsony izany. Ho lohasahan'ny famonoana izany; handevina ny faty ao Tofeta izy ireo mandra-paha tsy misy toerana intsony.
[33]Ny fatin'ity vahoaka ity dia ho sakafon'ny voron'ny lanitra sy ho an'ireo bibin'ny tany, ary tsy misy na iza na iza hampatahotra azy ireo intsony. [34]Ho faranako ireo tanànan'i Joda sy ireo lalan'i Jerosalema, ny feon'ny fifaliana sy ny feo ny firavoravoana, ny feon'ny mpampakatra sy ny feon'ny ampakarina, fa ho lao ny tany."

8 [1]"Amin'izany fotoana izany—izao no fanambaran'Yaveh—ho entin'izy ireo hivoaka ireo fasana ny taolan'ireo mpanjakan'i Joda sy ireo manam-pahefany, ireo taolan'ireo mpisorona sy ireo mpaminany, ary ireo taolan'ireo mponin'i Jerosalema. [2]Ary ho aparitak'izy ireo eo amin'ny fahazavan'ny masoandro sy ny volana ary ireo kintana rehetra eny amin'ny lanitra ireo; ireo zavatra eny amin'ny lanitra izay narahin'izy ireo sy notompoiny, izay notompoiny sy nofotopotorin'izy ireo, ary niankohofan'izy ireo. Tsy hangonina ireo taolana ary tsy halevina intsony. Ho tahaka ny zezika eny amin'ny velaran-tany izy ireo. [3]Eny amin'ny toerana rehetra sisa tavela izay nitondrako azy ireo, dia hifidy ny fahafatesana izy ireo fa tsy ny miaina, ny rehetra mbola velona amin'ity firenena ratsy ity—izany no fanambaran'Yaveh tompon'ny maro.
[4]Koa lazao izy ireo hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh: Nisy nianjera ve ka tsy niarina? Nisy olona very ve ka tsy nanandrana ny hiverina? [5]Fa nahoana ity vahoaka ity, ry Jerosalema, no nivily maharitra tamin'ny tsy fananam-pinoana? Mifikitra amin'ny fitaka izy ireo ary mandà ny hibebaka.
[6]Nitandrina tsara Aho ary nihaino, fa tsy niteny marina izy ireo; tsy nisy niala tsiny tamin'ny haratsiany, tsy nisy na iray aza milaza hoe: "Inona no nataoko?" Nandeha tany amin'izay niriany avy Izy rehetra, tahaka ny soavaly lahy mihazakazaka amin'ny ady. [7]Na ny vano eny amin'ny lanitra aza mahalala ny fotoana mety; sy ireo domoina, sidintsidina, ary ny vanobe. Mandeha amin'ny fifindra-moniny izy ireo amin'ny fotoana mety, fa ny oloko dia tsy mahalala ny didin'i Yaveh.
[8]Ahoana no hilazanareo hoe: "Hendry isika, fa ny lalàn'Yaveh dia momba antsika"? Eny tokoa, indro! Ny penina mpamitakin'ny mpanora-dalàna dia efa namorona fitaka. [9]Ny lehilahy hendry dia ho afa-baraka. Raiki-tahotra izy ireo ary voafandrika. Indro! Nandà ny tenin'i Yaveh izy ireo, koa atao inona ny fahendren'izy ireo? [10]Ka hanome ny vadin'izy ireo ho an'ny hafa Aho, ary ireo tanimbolin'izy ireo ho an'izay manana ireo ho fananana, satria manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra, izy rehetra dia tia vola azo avy amin'ny tsy rariny. Hatramin'ny mpaminany ka hatramin'ny mpisorona, izy rehetra dia manao fitaka.
[11]Nanasitrana ny ratran'ireo vahoakako mora fotsiny izy ireo, niteny hoe: "Fiadanana, fiadanana," tamin'ny tsy nisy fiadanana tao. Menatra ve izy ireo rehefa nanao ireo fahavetavetana? [12]Tsy menatra izy ireo; tsy fantatr'izy ireo izay hoe mivoara-mena! Ka hianjera eo amin'ireo lavo izy ireo; ho entina midina izy ireo rehefa voasazy, hoy Yaveh. [13]Hanala azy ireo tanteraka Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—tsy hisy voaloboka amin'ny hazom-boaloboka, na amin'ny hazon'aviavy aza dia tsy hisy aviavy. Ary halazo ny ravina, ary izay nomeko azy ireo dia ho levona.
[14]Nahoana isika no mipetraka eto? Andeha hiaraka; handeha isika ho any amin'ireo tanàna voaaro mafy, ary hanjary hangina amin'ny fahafatesana any isika. Fa hampangina antsika i Yaveh Andriamanitsika. Hampisotro rano misy poizina antsika Izy, satria efa nanota Taminy isika. [15]Manantena fiadanana isika, nefa tsy hisy zavatra tsara. Manantena fotoam-panasitranana isika, nefa indro, hisy horohoro.
[16]Re avy any Dana ny feonfiefon'ireo soavaly lahiny. Mihozongozona ny tany manontolo noho ny feon'ny fieron'ireo soavaly matanjaka. Fa ho avy izy ireo ary hamotika ny tany sy ny hareny, ny tanàna sy ireo izay mipetraka ao. [17]Fa indro, handefa bibilava aminareo Aho, dia vipera izay tsy ho azonareo tambatambazana. Hanaikitra anareo ireo—izany no fanambaran'i Yaveh.'"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[18]Tsy manam-pahataperana ny alaheloko, ary marary ny foko. [19]Indro! Ny feo mihiakan'ny zanakavavin'ny vahoakako avy any an-tany lavitra! Tsy ao Ziona ve Yaveh? Na tsy ao ve ny mpanjakany? Nahoana izany izy ireo no manafintohina ahy amin'ireo endrik'asa voasokiny sy ireo sampy vahiny tsy misy dikany?
[20]Efa nandalo ny fotoam-pijinjana, tapitra ny fahavaratra. Nefa tsy voavonjy isika. [21]Naratra aho nohon'ny ratran'ny zanaka vavin'ny vahoakako. Malahelo ny amin'ireo zavatra mahatsiravina izay nahazo azy aho; raiki-tahotra aho. [22]Tsy misy fanafody ve ao Gileada? Tsy misy mpanasitrana ve ao? Nahoana no tsy hitranga ny fanasitranana ny vahoakako?

9 [1]Raha mba afaka mamokatra rano mantsy ny lohako, ary ny masoko ho loharanon-dranomaso! Fa maniry ny hitomany andro aman'alina aho ho an'ireo zanaka vavin'ny oloko izay novonoina. [2]Raha mba misy olona afaka manome ny toerana ho an'ireo mpivahiny ho ahy honenana any an'efitra mantsy, izay ahafahako mandao ny oloko. Raha mba afaka mandao azy ireo mantsy ah, satria izy rehetra dia mpijangajanga sy andiana mpamadika! [3]Yaveh dia nanambara hoe: "Manenjana ny tsipìkan-daingany amin'ny lelany izy ireo, nefa tsy nohon'ny fahatokian'izy ireo no mampatanjaka azy amin'ny tany. Niala tamin'ny asa ratsy iray izy ireo dia miditra amin'ny iray hafa. Tsy mahafantatra Ahy izy ireo."
[4]Ianareo tsirairay avy, mitandrema amin'ny namanareo ary aza mahatoky ireo rahalahy. Fa ny rahalahy rehetra dia mpamitaka tokoa, ary ny namana rehetra dia mandeha amin'ny fanedrikendrehana. [5]Ny olona tsirairay dia maniratsira ny namany ary tsy milaza ny marina. Ny lelan'izy ireo dia mampianatra zavatra fitaka. Reraka amin'ny fanaovan-dratsy izy ireo. [6]Ny fonenanareo dia eo afovoan'ny fitaka; tao anatin'ny famitahan'izy ireo dia mandà ny hanaiky Ahy izy ireo—izany no fanambaran'Yaveh."
[7]Yaveh Tompon'ny maro milaza hoe: "Indro, Izaho efa hizaha toetra sy hitsapa azy ireo, fa inona ihany koa no afaka ataoko, nohon'ny amin'izay nataon'ny oloko? [8]Ny lelan'izy ireo dia zana-tsipika maranitra; miresaka zavatra tsy mahatoky izy ireo. Amin'ny vavany no hanambarany fiadanana amin'ireo namany, fa amin'ny fony no hanaovany otrika ho azy ireo. [9]Tsy tokony hanasazy azy ireo ve Aho noho ny amin'ireo zavatra ireo—fanambaran'i Yaveh izany— ary tsy tokony hamaly faty amin'ny firenena tahaka izao ve ny tenako?
[10]Hihira hira fisaonana sy fidradradradrana ho an'ireo tendrombohitra Aho, ary ny hiram-pandevenana dia hiraina eo amin'ireo tanin'ahitra. Fa nodorana izy ireo ka tsy misy afaka mandalo amin'izany. Tsy handre feon'ny biby fiompy intsony izy ireo. Ireo voron'ny lanitra sy ireo biby dia nandositra avokoa. [11]Koa dia hataoko ho antonta-paharavana i Jerosalema, sy fieren'ireo ambodia. Ireo tanàn'i Joda dia hataoko toerana rava tsy misy mponina."[12]Iza no olon-kendry mahatakatra an'izany? Ho an'iza no niresahan'ny vavan'i Yaveh, ka hanambara izany izy? Fa inona no nahasimba ilay tany sy nandravana azy tahaka ny efitra izay tsy ahafahan'iza n'iza mandalo?
[13]Hoy Yaveh hoe: "Satria izy ireo nahafoy ny lalàko izay napetrako teo anoloany, satria tsy nihaino ny feoko na nandeha tamin'izany izy ireo. [14]Satria izy ireo dia nandeha tamin'ny ditran'ny fony sy nanaraka ireo Bala toy izay nampianarin'ireo razambeny azy ireo hatao.
[15]Noho izany Yaveh Tompon'ny maro, ilay Andriamanitrin'ny Israely, milaza hoe: 'Indro, hampihinaniko hazo mangidy sy hampisotroiko rano misy poizina ity vahoaka ity. [16]Ary haeliko manerana ireo firenena izay tsy mbola fantatr'izy ireo, na izy ireo na ny razamben'izy ireo. Handefa sabatra hamely azy ireo Aho mandra-paharava azy ireo tanteraka.'"
[17]Yaveh Tompon'ny maro nilaza hoe: "Hevero izao: Miantsò mpihiram-pandevenana; aoka izy ireo ho avy. Mampiantsoa vehivavy manam-pahaizana amin'ny fitomaniana; aoka izy ireo ho avy. [18]Aoka izy ireo ho avy faingana ka hihira hira fisaonana eto amintsika, ka ho feno ranomaso anie ny masontsika ary ho tobakin'ny rano ny hodi-masontsika.
[19]Fa ny feon'ny fidradradradrana dia heno any Ziona, 'Endrey ny faharavantsika. Menatra tanteraka isika, satria nandao ny tany isika hatramin'ny nandravany ny tranontsika.' [20]Koa ianareo ry vehivavy, henoy ny tenin'i Yaveh; tandremo ireo hafany izay avy amin'ny vavany. Koa ampianaro hira fisaonana ny zanakareo vavy, ary hira fandevenana ny vehivavy namanareo tsirairay avy.
[21]Fa ny fahafatesana dia tonga avy eo amin'ny varavarankelintsika; niditra ao amin'ireo lapantsika izany. Mandringana ireo ankizy avy any ivelany izany, sy ireo tovolahy eny an-kianjan'ny tanàna. [22]Ambarao izao, "Izany no fanambaran' i Yaveh—ny fatin'ireo lehilahy dia hiraraka toy ny zezika eny an-tsaha, ary ho toy ny amboaram-bary ao aorian'ireo mpinjinja, ary tsy hisy olona hanangona an'izany."'
[23]Izao no lazain'Yaveh: "Aoka ny hendry tsy hirehareha amin'ny fahendreny, na ny lehilahy mpiady amin'ny heriny. Aoka ny mpanankarena tsy hirehareha amin'ny harenany. [24]Fa raha misy olona mirehareha amin-javatra, dia avelao amin'izao izany, fa manfatatra Ahy sy ny ao anatiko izy. Fa Izaho no Yaveh, izay miasa amin'ny fanekena tsy mivadika, ny rariny sy ny hitsiny eo an-tany. Fa amin'izany no ahazoako fafinaretana —izany no fanambaran'i Yaveh."
[25]"Indro, tonga ireo andro—izany fanambaran'i no Yaveh—rehefa hanasazy ireo rehetra voafora amin'ny nofony ihany Aho. [26]Hanafay an' i Egypta sy Joda, Edoma, ny vahoakan'ny Amona, Moaba, ary ny olona rehetra izay manapaka ny volon-dohany ho tena fohy Aho. Fa ireo firenena rehetra ireo dia tsy voafora, ary ny ankohonan'Israely rehetra dia manana fo tsy voafora."

10 [1]"Henoy ny teny izay ambaran'i Yaveh anareo, ry ankohonan'Israely. [2]Izao no lazain'i Yaveh: "Aza mianatra ny lalan'ireo firenena ireo, ary aza raiki-tahotra ny amin'ireo famantarana eny amin'ny lanitra, fa ireo firenena dia raiki-tahotra noho ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Fa ny fomba fanao ara-pivavahan'ireo olona ireo dia tsy misy dikany. Nanapaka hazo tany an'ala izy ireo, ary ny mpanao asa-tanana misokitra ny hazo. [4]Avy eo dia haigon'izy ireo amin'ny volafotsy sy volamena izany. Hamafisiny amin'ny tantanana sy fantsika mba tsy hianjera izany. [5]Ny amboarin'ny tanan'izy ireo dia zavatra tahaka ireo kaly mampatahotra eny an-tsahan-kaonkaombira, satria ireo koa, dia tsy afaka miteny na inona na inona, ary tsy maintsy lanjain'izy ireo satria tsy afaka mandeha. Aza matahotra ireo, fa tsy afaka mitondra ratsy, na koa zavatra tsara ireo.'"
[6]Tsy misy olona tahaka Anao, ry Yaveh. Lehibe Ianao, ary lehibe amin'ny hery ny anaranao. [7]Iza no tsy matahotra Anao, ry Mpanjakan'ireo firenena? Fa izany no mendrika Anao, satria tsy misy tahaka Anao eo amin'ireo lehilahy hendry rehetran'ireo firenena na ireo fanjakan'ny mpanjaka rehetra.
[8]Mitovy avokoa izy ireo, ketrina sy adala izy ireo, mpianatr'ireo sampy izay tsinontsinona fa hazo. [9]Izy ireo dia mitondra tantanana volafotsy avy any Tarsisy, sy volamena avy any Ofaza nataon'ireo mpanao asa-tanana, dia ny tananan'ireo mpandrendrika. Ny ankanjon'izy ireo dia lamba manga sy voloparasy. Ireo lehilahy mahain'izy ireo no nanao ireo zavatra rehetra ireo. [10]Kanefa Yaveh no Andriamanitra marina. Andriamanitra velona sy mpanjaka mandrakizay Izy. Mihorohoro amin'ny fahatezarany ny tany, ary tsy afaka miaritra ny fahatezerany ireo firenena.
[11]Hiresaka amin'izy ireo tahaka izao ianao: "Ireo andriamanitra izay tsy nanao ny lanitra sy ny tany dia ho faty amin'ny tany sy ny amban'io lanitra io." [12]Fa Izy no nanao ny tany tamin'ny alalan'ny heriny, sy nametraka izao tontolo izao tamin'ny fahendreny, ary tamin'ny alalan'ny fahazavan-tsainy no namelarany ny lanitra. [13]Ny feony no mampiraondraona ny rano eny amin'ny lanitra, ary Izy no mampiakatra ireo zavona avy any amin'ny faran'ny tany. Manao ny tselatra ho an'ny orana Izy ary mandefa ny rivotra avy amin'ny trano fitehirizana.
[14]Lasa tsy ampy fahalalana ny olona rehetra, tsy misy fahalalana. Nalain'ireo sampiny baraka ireo mpiasa vy rehetra. Fa fitaka ireo sarin-javatra voasokiny; tsy misy fiainana ao amin'ireo. [15]Tsy misy ilàna azy ireo, asan'ireo mpaneso; ho foana ireo amin'ny fotoanan'ny famaizany. [16]Nefa Andriamanitra, ilay ampahan'i Jakoba, dia tsy tahaka ireny, fa Izy no mpamolavola ny zavatra rehetra. Israely dia fokon'ny lovany; Yaveh Tompon'ny maro no Anarany.
[17]Angony ny fanananareo ary mialà amin'ny tany, ianareo olona mitoetra ambanin'ny fahirano. [18]Fa izao no lazain'Yaveh: "Indro, efa handroaka ireo mponin'ilay tany Aho amin'izao fotoana izao. Hahatonga fahoriana amin'izy ireo Aho, ary ho itan'izy ireo tokoa izany."
[19]Loza ho ahy! Noho ireo taolako tapaka, dia manonitra ny feriko. Ka hoy aho: "Fahoriana tokoa izao, nefa tsy maintsy zakaiko."[20]Rava ny laiko, ary ireo tadin'ny laiko rehetra dia nizara roa. Efa nanala ireo zanako tamiko izy ireo, ka tsy nisy intsony izy ireo. Tsy misy olona hamelatra ny laiko na hanangana ny lamban-daiko intsony.
[21]Fa adala ireo mpiandry ondry ary tsy mitady an'i Yaveh izy ireo; koa tsy nambinina izy ireo, ary ny ondrin'izy ireo rehetra dia niparitaka. [22]Efa tonga ny tatitry ny vaovao: "Indro, tonga, tonga avy any avaratra ny horohoron-tany lehibe. Mba hamotika ireo tanànan'i Joda, fiafenana ho an'ny ambodia."
[23]Fantatro, ry Yaveh, fa ny lalan'ny olona iray dia tsy avy aminy. Tsy misy olona mandeha mahitsy amin'ny famindrany.
[24]Ampianaro, amin'ny fahamarinanao aho, ry Yaveh, fa tsy amin'ny fahatezeranao ka hamotika ahy Ianao. [25]Arotsaho eo amin'ireo firenena izay tsy mahalala Anao sy ireo fianakaviana izay tsy miantso ny Anaranao ny fahatezeranao. Fa efa nandrapaka an'i Jakoba sy nitelina azy mba handrava azy tanteraka sy handrodana ny fonenany izy ireo.

11 [1]Izao no teny izay tonga tamin'i Jeremia avy amin'i Yaveh, manao hoe: [2]"'Henoy ireo tenin'ity fifanekena ity, ary ambarao amin'ny olona tsirairay ao Joda sy ireo mponin'i Jerosalema izany.
[3]Mitenena amin'izy ireo hoe: 'Yaveh, Andriamanitr'Israely no miteny izao: voaozona izay tsy mihaino ireo tenin'ity fanekena ity. [4]Ity no fanekena izay nandidiko hotandreman'ireo razambenareo tamin'ny andro nitondrako azy ireo hivoaka ny tany Egypta, amin'ny lafaoro lehibe fandrendrehana vy. Dia niteny aho hoe: "Henoy ny feoko ary tanteraho ireo zavatra rehetra arak'izay nandidiako anareo, fa ho oloko ianareo ary Izaho ho Andriamanitrareo." [5]Mankatoava Ahy mba ahafahako manamafy ny fianianana izay nianianako tamin'ireo razambenareo, ny fianianana fa hanome azy ireo tany tondra-dronono sy tantely Aho, izay honenanareo ankehitriny." Ary izaho, Jeremia, namaly ka niteny hoe: "Eny, ry Yaveh!"
[6]Dia niteny tamiko Yaveh hoe: "Ambarao any amin'ireo tanin'i Joda sy eny amin'ny lalan'i Jerosalema ireo zavatra rehetra ireo. Lazao hoe: 'Henoy ireo tenin'izao fanekena izao ary tanteraho ireo. [7]Fa efa nanome didy manetriketrika ho an'ireo razambenareo aho nanomboka tamin'ny andro nitondrako azy amin'ny tany Egypta ka mandraka-ankehitriny, nampitandrina azy ireo amim-pikirizana ka nanao hoe: "Henoy ny feoko."' [8]Fa tsy nihaino na nihevitra ahy akory izy ireo. Samy nandeha araka ny hamafisan'ny fo ratsiny ny olona tsirairay. Ka nitondra ireo voaozona tao amin'ny fanekena izay nandidiako aho mba ho avy hanohitra azy ireo. Fa mbola tsy nankatò ihany ny vahoaka."
[9]Dia niteny tamiko Yaveh hoe: "Nahitana teti-dratsy teo amin'ireo olon'i Joda sy ireo mponin'i Jerosalema. [10]Niverina tamin'ireo helok'ireo razany teo aloha izy ireo, izay nandà hihaino ny teniko, fa naleon'izy ireo kosa manaraka ireo andriamanin-kafa mba hanompo azy ireo. Nivadika tamin'ny fifanekena izay napetrako niaraka tamin'ny razan'izy ireo ny taranak'i Joda sy ny taranak'i Jerosalema.
[11]Noho izany dia izao no lazain'i Yaveh: "Indro, hitondra loza ho amin'izy ireo Aho, loza izay tsy ahafahan'izy ireo mandositra. [12]Dia hiantso Ahy izy ireo, fa tsy hihaino azy ireo Aho. Handeha sy hiantso ireo andriamanitra izay notoloran'izy ireo fanatitra ny tanànan'i Joda sy ny mponin'i Jerosalema, nefa azo antoka fa tsy hahavonjy azy ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

amin'ny andron'ny loza izy ireo. [13]Ho anao ry Joda, dia nitombo ho tahaka ny isan'ireo tanànanao ny isan'ireo andriamanitrao. Ianao no nanao ny isan'ireo alitara mahamenatra tao Jerosalema, alitaran'ny ditin-kazo manitra ho an'i Bala, hitovy isa amin'ireo lalany.
[14]Ka ianao, ry Jeremia, aza mivavaka ho an'ity vahoaka ity. Aza midradradradra na mivavaka amin'ny anaran'izy ireo. Ary tsy hihaino azy ireo aho rehefa miantso ahy anatin'ny lozany izy ireo. [15]Nahoana ny malalako, ilay iray izay nanana fikasana ratsy maro be, no ao an-tranoko? Tsy afaka manampy anao ny henan'ireo fanatitrao. Mifaly ianao noho ireo asa ratsinao. [16]Hazo oliva miravina no niantsoan'i Yaveh anao taloha, tsara tarehy miaraka amin'ny voany maha-te hizaha. Fa handrehitra afo eo amin'izany izy izay ahoraka tahaka ny fiheron'ny kotroka; ho tapaka ireo rantsany.
[17]Fa Yaveh Tompon'ny maro, izay namboly anao, nandidy loza taminao noho ireo asa ratsy izay nataon'ny taranak'Israely sy ny taranak'i Joda—Nahatezitra ahy izy ireo tamin'ny nanomezana ireo fanatitra ho an'i Bala."'
[18]Nampahafantarin'i Yaveh ahy izany zavatra izany, ka fantatro ireo. Ianao, ry Yaveh, nampahita ahy ireo asan'izy ireo. Dia tahaka ny zanak'ondry malemy fanahy [19]izay nentina eny amin'ny mpivaro-kena aho. Tsy nahafantatra aho fa namorona fikasana ratsy hanohitra ahy izy ireo hoe: "Andeha haringantsika ny hazo sy ny voany! Andeha ho tapahitsika hiala amin'ny tany amin'ny fitoerany izy ka tsy ho tsaroina intsony ny anarany." [20]Fa Yaveh Tompon'ny maro no mpitsara marina izay mandinika ny fo sy saina. Ho vavolombelon'ny famalianao hanohitra azy ireo aho, fa nampiseho ny momba ahy taminao aho.
[21]Noho izany Yaveh dia niteny izao mahakasika ny vahoakan'i Anatota izay mifofo ny ainao: "Hoy izy ireo: 'Aza maminany amin'ny anaran'i Yaveh ianao, fandrao ho faty amin'ny alalan'ny tananay. [22]'Dia hoy Yaveh Tompon'ny maro: 'Indro, efa hanafay azy ireo aho. Ireo tovolahy maherin'izy ireo dia ho fatin'ny sabatra. Ireo zanaka lahy sy zanaka vavin'izy ireo dia ho fatin'ny mosary. [23]Tsy hisy na iray aza ho tavela amin'izy ireo, satria hitondra loza hanohitra ny vahoakan'i Anatota aho, taona iray ho an'ny famaizana azy ireo.

12 [1]Marina ianao, ry Yaveh, isaky ny mifanditra Aminao aho. Tokony hilaza Aminao tokoa ny antony hitarainako aho: Nahoana ny lalan'ny ratsy fanahy no mahomby? Ny olona tsy manam-pinoana rehetra dia mahomby. [2]Nambolenao izy ireo ary naniry faka. Tsy mitsahatra mamoa izy ireo. Akaikin'ny vavan'izy ireo Ianao, nefa lavitra ny fon'izy ireo.
[3]Fa Ianao, ry Yaveh, mahalala ahy. Mahita ahy ianao ary mizaha toetra ny foko aminao. Ento toy ny ondry ho vonoina izy ireo, ary hatokany ho amin'ny andro famonoana! [4]Mandra-pahoviana ny tany no hihamaina hatrany, ary ny zava-maniry eny amin'ny saha rehetra halazo noho ny amin'ny faharatsian'ireo mponina ao aminy? Ireo biby sy vorona dia efa noesorina. Fa kosa, hoy ny vahoaka hoe: "Tsy fantatr'Andriamanitra izay hanjo antsika."
[5]Hoy Yaveh: "Eny tokoa, raha ianao, ry Jeremia, efa niara-nihazakazaka tamin'ireo miaramila mpandeha tongotra ary norerahin'izy ireo ianao, ahoana no hifaninananao amin'ny soavaly? Raha mianjera amin'ny tanàna azo antoka ianao, ahoana no ataonao any amin'ny kirihitr'ala eny amoron'i Jordana? [6]Fa na dia ireo rahalahinao sy ireo fianakavian'ny rainao aza dia efa namadika anao ary efa niampanga mafy anao. Aza matoky azy ireo, na dia milaza zavatra mahafinaritra aminao aza izy ireo.
[7]Efa nandao ny tranoko aho; efa nahafoy ny lovako. Nanome ireo vahoaka malalako teo an-tanan'ireo fahavalony Aho.
[8]Efa lasa toy ny liona any anaty kirihitr'ala ho ahy ny lovako; mametraka ny tenany hanohitra ahy tamin'ny feony izy, ka halako izy. [9]Tsy toy ny vorona mpihaza ve ny loka fananako, no hanohitra azy ireo vorona mpihaza hafa rehetra manodidina? Mandehana ary vorio ny biby rehetra ary ento handrapaka azy izy ireo.
[10]Mpiandry ondry maro no efa nanimba ny tanim-boaloboko. Efa nohitsakitsahiny ny anjara taniko rehetra; nataony tany efitra sy lao ny anjara taniko mahafinaritra. [11]Nataon'izy ireo lao izy. Malahelo azy aho; lao izy. Ny tany rehetra dia lasa lao avokoa, satria tsy nisy na iray aza nandray izany am-po.
[12]Ireo mpandrava dia tonga hanohitra ireo toerana foana rehetra tany an'efitra, fa ny sabatr'i Yaveh dia mandevona avy any amin'ny faran'ny tany hatrany amin'ny iray hafa. Tsy misy fiadanana ao amin'ny tanin'ny zava-manan'aina rehetra.
[13]Namafy vary izy ireo nefa tsilo no vokatra. Reraka amin'ny asa izy ireo nefa tsy nahazo na inona na inona. Koa meteza ho menatra ny amin'ny vokatrareo nohon'ny fahatezeran'i Yaveh."
[14]Izao no lazain'i Yaveh tamin'ny mpiara-belona amiko rehetra, ny ratsy fanahy izay nandroba ny fananana izay nataoko ho lovain'ny Israely vahoakako, "Indro, Izaho ilay tokana izay hanongotra azy ireo eo amin'ny taniny, ary hongotako tsy ho eo amin'izy ireo ny tranon'i Joda. [15]Aorian'izay dia ho fongorako ireo firenena ireo, ary hamindra fo amin'izy ireo aho ary hitondra azy ireo hiverina; hamerina azy ireo aho—ny olona tsirairay samy amin'ny lovany sy amin'ny taniny.
[16]Raha mianatra tsara ny fomban'ny oloko ireo firenena ireo, ka mianiana amin'ny anarako 'Raha velona koa Yaveh' tahaka ny efa nampianaran'izy ireo ny oloko mba hianiana amin'i Bala, dia haorina eo afovoan'ny oloko izy ireo. [17]Fa raha misy tsy mihaino dia ho fongorako izany firenena izany. Izany dia ho fongorana tokoa ary horavana—izany no fanambaran'i Yaveh."

13 [1]Nilaza izao tamiko Yaveh hoe: "Mandehana ary mividiana atin'akanjo rongony fotsy ka afatory eo amin'ny andilanao izany, saingy aza atao anaty eo rano aloha izany." [2]Koa dia nividy atin'akanjo araka izay nitarihan'i Yaveh ahy aho, ary nafatotro teo amin'ny andilako izany. [3]Dia tonga tamiko fanindroany ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [4]"Raiso ilay

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

atin'akanjo izay avy novidianao izay eo amin'ny andilanao, mitsangana ka mandehana any amin'ireo Eofrata. Afeno ao anaty haram-bato izany."
[5]Koa nandeha aho ary nanafina izany tany amin'ireo Eofrata araka izay nandidian'i Yaveh ahy. [6]Afaka andro maromaro, dia niteny tamiko i Yaveh hoe: "Mitsangana ka mandehana miverina any amin'ireo Eofrata. Alaivo any ilay atin'akanjo izay nolazaiko hafeninao." [7]Koa niverina tany amin'ireo Eofrata aho ary nangady tao ilay nanafenako ilay atin'akanjo. Kanefa indro! Simba ilay atin'akanjo; tsy mba tsara intsony ilay izy.
[8]Avy eo dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [9]"'Hoy Yaveh hoe: Mitovy amin'izany ny fomba hamotehako ny fiavonavonana lehiben'ny Joda sy Jerosalema. [10]Io vahoaka ratsy izay mandà ny hihaino ny teniko io, izay mandeha amin'ny fahamafisan'ny fon'izy ireo, izay manaraka andriamanin-kafa mba hanompo ireny sy hiankohoka amin'ireny—ho tahaka izany atin'akanjo izany izy ireo izay tsara fa tsy misy dikany. [11]Fa tahaka ny atin'akanjo iray mifikitra amin'ny taolan-tehezan'olona, dia toy izany koa no efa nanaovako ny taranak'Israely sy ny taranak'i Joda hifikitra Amiko—izany no fanambaran'i Yaveh—mba ho vahoakako, mba hitondra laza, dera, ary voninahitra ho Ahy. Saingy tsy nihaino ahy izy ireo.
[12]Koa tokony hiteny izao teny izao ho azy ireo ianao hoe: 'Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely dia milaza izao: Ny tavoara rehetra dia ho feno divay.' Hiteny aminao izy ireo hoe: 'Moa tsy fantatray tokoa ve fa ho feno divay ny tavoara rehetra?'
[13]Ka dia lazao izy ireo hoe: 'Hoy Yaveh hoe: Indro, ho fenoiko fahamamoana ny mponina rehetra an'ity tany ity, ireo mpanjaka izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida, ireo mpisorona, mpaminany, ary ireo mponin'i Jerosalema rehetra. [14]Ary dia ho ampifamotehiko izy ireo, ireo ray sy ireo zanaka miaraka—izany no fanambaran'i Yaveh—Tsy hamindra fo amin'izy ireo Aho na hanana fangoraham-po, ary tsy hanavotra azy ireo amin'ny fahapotehina Aho.
[15]Mihainoa ka mandrenesa. Aza miavonavona, fa Yaveh no efa niteny. [16]Manomeza voninahitra ho an'i Yaveh Andriamanitrareo mialohan'ny hitondrany aizina, ary mialohan'ny hanafintohinany ny tongotrareo ao an-tendrombohitra amin'ny maizimaizina. Fa manantena hazavana ianao, saingy hamadika ny toerana ho aizina lalina Izy, ho rahona mainty. [17]Noho izany raha tsy hihaino ianao, dia hitomany irery aho noho ny fiavonavonanao. Hanganohano sy hikoriana ranomaso tokoa ny masoko, satria nobaboina ireo ondrin'i Yaveh.
[18]Lazao ny mpanjaka sy ny mpanjakavavy reniny hoe: 'Manetre tena ianareo ka mipetraha, fa ireo satro-boninahitra eo amin'ny lohanareo, ny fireharehana sy voninahitrareo, dia efa nianjera.' [19]Hikatona avokoa ireo tanànan'i Negeva, tsy misy iray hamoha ireo. Ho baboina i Joda, ho atao sesitany ny aminy rehetra.
[20]Asandrato ny masonao ka jereo ireo tonga avy any avaratra. Aiza ny andian'ondry izay nomeny anao, ny andian'ondry izay tena tsara tarehy taminao? [21]Inona no ho lazainao rehefa apetrak'Andriamanitra eo aminao ireo izay efa nampianarinao mba ho sakaizanao? Tsy ireo ve ny fiantombohan'ireo fanaintainana izay hahazo anao tahaka ny vehivavy miteraka?
[22]Dia mety hiteny anakampo ianao hoe: "Nahoana no miseho amiko ireo zavatra ireo?" Dia ho amin'ny fahamaroan'ireo fahotanao no nampiainga ireo ziponao ary nanolanana anao. [23]Moa afaka ny hanova ny volon-kodiny ve ny Kosy, na ny leoparda hanova ny pentiny? Raha izany, dia ianao tenanao, na dia zatra ny faharatsiana aza, dia afaka manao ny tsara.
[24]Noho izany dia hampiely azy ireny tahaka ny akofa izay levon'ny rivotry ny efitra Aho.
[25]Izany no nomeko anao, ny anjara izay efa nodidiko ho anao—izany no fanambaran'i Yaveh—satria efa nanadino Ahy ianao ary nitoky tamim-pitaka. [26]Noho izany ihany koa dia Izaho mihitsy no hanala ny ziponao aminao, ary hiseho ireo faritra saro-padinao. [27]Efa nahita ny fanitsakitsaham-bady sy ny fihikanao Aho, ny faharatsian'ny fivarotan-tenanao teny amin'ireo havoana sy teny amin'ireo saha, ary efa nahita ireny zavatra maharikoriko ireny Aho! Loza ho anao, ry Jerosalema! Hafiriana izany vao ho madio indray ianao?"

14 [1]Izao no tenin'i Yaveh izay tonga tamin'i Jeremia momba ny hain-tany, [2]"Aoka hisaona i Joda, aoka hitanondrika ny vavahadiny. Midradradradra ny amin'ny tany izy ireo; miakatra ny fitarainan'izy ireo ho an'i Jerosalema. [3]Ireo lehibeny maniraka ireo mpanompony hitady rano. Rehefa mandeha any amin'ny famorian-drano izy ireo, dia tsy mahita rano. Miveri-maina avokoa izy ireo; manarona ny lohan'izy ireo ny henatra sy fahafaham-baraka.
[4]Noho izany dia nitresaka ny tany, satria tsy misy orana teo amin'ilay tany. Ireo mpiasa tany dia menatra ary manarona ny lohan'izy ireo. [5]Fa na dia ny diera vavy aza mamela ny zanany any an-tsaha ary mandao azy ireo, satria tsy misy vilona. [6]Ny boriky dia mijanona any amin'ny tani-hay ary misefosefo amin'ny rivotra tahaka ny amboadia. Jambena ny mason'izy ireo, satria tsy misy zava-maniry."
[7]Ry Yaveh, na dia niampanga anay aza ny helokay, dia miasà noho ny amin'ny anaranao. Fa ny asanay tsy am-pinoana dia mitombo; efa nanota taminao izahay. [8]Ry fanantenan'ny Israely, ilay tokana izay namonjy azy tamin'ny fotoam-pahoriana, nahoana Ianao no ho tahaka ny vahiny amin'ny tany, tahaka ny vahiny mpirenireny izay mitsotra ka mandry indray alina monja? [9]Nahoana no tahaka ny olona very hevitra Ianao, ho tahaka ny mpiady izay tsy afaka mamonjy na iza na iza? Fa Ianao dia eo anivonay, ry Yaveh! Efa nambara teo aminay ny anaranao. Aza mandao anay.
[10]Izao no nambaran'i Yaveh amin'ity vahoaka ity: "Satria tia mirenireny izy ireo, dia tsy nihazona ny tongony tamin'ny fanaovana izany izy ireo." Tsy faly amin'izy ireo Yaveh. Ankehitriny mahatsiaro ny helok'izy ireo Izy, ary nanafay ny fahotany. [11]Hoy Yaveh tamiko: "Aza mangataka izay ahasoa ity vahoaka ity. [12]Fa raha mifady hanina izy ireo, dia tsy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hihaino ny fitarainany Aho, ary raha manao fanatitra dorana sy fanatitra ho hanina izy ireo, dia tsy hankasitraka ireo Aho. Fa handringana azy ireo amin'ny sabatra, mosary, ary areti-mandringana Aho."
[13]Dia hoy aho hoe: "Indrisy, ry Yaveh Tompo! Indro! Ireo mpaminany manao amin'ny olona hoe: 'Tsy hahita sabatra ianareo; tsy hisy mosary ho anareo, satria hanome fandriam-pahalemana marina ho anareo amin'ity toerana ity aho.'"
[14]Dia hoy Yaveh tamiko: "Ireo mpaminany dia maminany amim-pitaka amin'ny anarako. Tsy naniraka azy ireo, na nanome baiko azy ireo na niresaka tamin'izy ireo Aho. Fa fahitana lainga sy zava-poana, faminaniana tsy marina avy amin'ny saim-pantatr'izy ireo no haminaniany aminareo."
[15]Noho izany dia izao no lazain'i Yaveh: "Mahakasika ny mpaminany maminany amin'ny anarako nefa tsy nirahiko—ireo izay miteny fa tsy hisy sabatra na mosary amin'ity tany ity: Ireo mpaminany ireo dia haringana amin'ny sabatra sy mosary. [16]Ary ireo olona izay naminaniany dia hatsipy eny amin'ireo lalan'i Jerosalema nohon'ny mosary sy sabatra, fa tsy hisy na iray aza handevina azy ireo—izy ireo, ireo vadiny, ireo zanany lahy, na ireo zanany vavy—fa handraraka ny faharatsian'izy ireo eo amin'izy ireo Aho.
[17]Lazao amin'izy ireo izao teny izao: 'Aoka ny ranomasoko handifotra ny masoko andro aman'alina. Aza avela hijanona izy ireo, fa hisy faharinganana lehibe ho an'ny zanaka vavy virjinin'ny oloko— ratra lehibe ary tsy azo sitranina. [18]Raha mivoaka ho any an-tsaha Aho, dia indreo ireo izay matin'ny sabatra! Raha tonga ao amina tanàna Aho, dia indreo ny aretina izay vokatry ny mosary. Na ny mpaminany na ny mpisorona dia hirenireny eo amin'ny tany avokoa, ary tsy hahalala izy ireo.'"
[19]Efa nandà tanteraka an'i Joda ve Ianao? Halanao ve i Ziona? Nahoana Ianao no hampahory anay rehefa tsy misy fanasitranana ho anay, nanantena fiadanana izahay, fa tsy nisy zava-banona—ary ho an'ny fotoana fanasitranana, nefa indro, horohoro ihany no misy. [20]Manaiky izahay, ry Yaveh, ireo fandikànay lalàna, ny helok'ireo razambenay, satria efa nanota taminao izahay.
[21]Aza lavina izahay! Fa noho ny amin'ny anaranao, dia aza manala baraka ny seza fiandriananao be voninahitra. Tsarovy ary aza manafoana ny fanekenao taminay. [22]Moa ve misy amin'ireo sampin'ny firenena no mahavita mampandatsaka ranon'orana ny lanitra? Ry Yaveh Andriamanitray, moa ve tsy Ianao ilay tokana, no manao izao? Manantena anao izahay, satria Ianao no efa nanao izao rehetra izao.

15 [1]Dia hoy Yaveh tamiko hoe: "Na dia Mosesy na Samoela aza no nijoro teo anoloako, dia tsy mbola hankasitraka ity vahoaka ity Aho. Roahy hiala eo anoloako izy ireo, mba handehanan'izy ireo. [2]Ary dia hilaza aminao izy ireo hoe: 'Aiza no tokony ho alehanay?' Dia tsy maintsy hiteny amin'izy ireo ianao hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh: Ireo voalahatra ho faty dia ho faty; ireo voalahatra ho an'ny sabatra dia ho faty amin-tsabatra. Ireo voalahatra ho an'ny mosary dia ho fatin'ny mosary; ary ireo voalahatra ho amin'ny fahababoana dia ho babo.'
[3]Fa ho tendreko ho antoko efatra izy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh—ny sabatra dia hamono ny sasany, ireo amboa hitaritarika ny sasany, ireo voron'ny lanitra sy ireo bibidian'ny tany handevona ary hamotika ny sasany. [4]Ho ataoko zavatra mampivarahontsana an'ireo fanjakan'ny tany rehetra izy ireo, noho izay zavatra nataon'i Manase zanak'i Hezekia, mpanjakan'ny Joda, tany Jerosalema.
[5]Fa iza no hangoraka anao, ry Jerosalema? Iza no alahelo anao? Iza no hiverina hanontany momba ny toe-tena anao?
[6]Nahafoy Ahy ianao—izany no fanambaran'i Yaveh—efa niala tamiko ianao. Koa hamely anao amin'ny tanako Aho ary hamotika anao. Reraky ny mamindra fo aminao Aho. [7]Ka dia ho kororohiko amin'ny fikororohana eo amin'ireo vavahadin'ny tany izy ireo. Hampahory azy ireo Aho. Hamotika ny vahoakako Aho satria tsy hiala amin'ny lalany izy ireo.
[8]Ho ataoko maro noho ny fasika eny amoron-dranomasina ny mpitondratenan'izy ireo. Handefa ny mpandrava amin'ny atoandro amin'ireo renin-jatovolahy Aho. Handatsaka horohoro sy tahotra tampoka amin'izy ireo Aho. [9]Ny reny izay niteraka zaza fito dia hihaosa. Hiala aina izy. Ny masoandrony dia hilentika raha mbola andro iny. Ho afa-baraka sy menatra izy, fa homeko eo anatrehan'ireo fahavalony ireo izay sisa velona tamin'ny sabatra—izany no fanambaran'i Yaveh."
[10]Loza ho ahy, ry reniko! Fa niteraka ahy ianao, izaho izay lehilahin'ny adihevitra sy fandresen-dahatra manerana ny tany rehetra. Tsy manana ho ampindramina aho, ary tsy nisy olona nampindrana ahy, nefa manozona ahy izy rehetra. [11]Hoy Yaveh: "Tsy hamonjy anao amin'ny tsara ve Aho? Ho ataoko mitalaho vonjy amin'ny fotoan'ny loza sy fahoriana tokoa ireo fahavalonao. [12]Mahapotika vy ve ny olona? Indrindra fa ny vy avy any avaratra izay miharo varahina?
[13]Homeko ireo fahavalonao ho babo maimaim-poana ny harena sy zava-tsarobidinao. Ho ataoko izany nohon'ny fahotana rehetra nataonao tao anatin'ny faritaninao rehetra. [14]Dia ho ataoko manompo ireo fahavalonao any amin'ny tany izay tsy fantatrao ianao, fa hirehitra ny afo, handrehitra ny fahatezerako aminao." [1]
[15]Ry Yaveh, Ianao mahalala! Tsarovy aho ka vonjeo. Manaova valifaty ho ahy amin'ireo izay manenjika ahy. Mahari-pery Ianao, nefa aza avela haka ahy izy ireo; fantaro fa mijaly amin'ny fanalam-baraka noho Ianao aho. [16]Efa hita ireo teninao, ary notsakotsakoko ireo. Ireo teninao dia tonga hafaliana ho ahy ary fahafinaretan'ny foko, fa mitondra ny anaranao aho, ry Yaveh, Andriamanitra Tompon'ny maro.
[17]Tsy nipetraka teo amin'ny faribolan'ireo izay nankalaza na nifaly aho. Nipetraka irery aho nohon'ny tananao mahery, satria nofenoinao fahatezerana aho. [18]Nahoana no mitohy ny fanaintainako ary tsy misy fanafany ny ratrako, mandà ny ho sitranina? Ho tahaka ny rano mamitaka amiko ve Ianao, rano izay ritra?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[19]Koa izao no lazain'i Yaveh: "Raha mibebaka ianao, ry Jeremia, dia ho averiko indray, ary hijoro eo anoloako ianao ka hanompo Ahy. Fa raha manasaraka ny zavatra adaladala amin'ireo zavatra sarobidy ianao, dia ho tahaka ny vavako ianao. Hiverina aminao ny vahoaka, nefa ianao dia tsy hiverina amin'izy ireo. [20]Ho ataoko toy ny manda varahina tsy azo idirana ho an'ity vahoaka ity ianao, ary hanangana ady aminao izy ireo. Nefa tsy handresy anao izy ireo, satria momba anao Aho mba hamonjy sy hanavotra anao—izany no fanambaran'i Yaveh— [21]fa hamonjy anao amin'ny tanan'ny ratsy fanahy Aho ary hanavotra anao amin'ny tanan'ny mpanao jadona."

---

¹Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Dia ho ataoko manompo ireo fahavalonao ianao", ireo dikan-teny sasanny taloha manao hoe: "Dia ho ataoko maka anao ireo fahavalonao."

---

16 [1]Ary tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Aza maka vady ho an'ny tenanao, ary aza miteraka lahy na vavy amin'ny tenanao amin'ity toerana ity. [3]Fa i Yaveh niteny izany tamin'ireo zanaka lahy sy zanaka vavy izay teraka teto amin'ity toerana ity, tamin'ireo reny izay nitondra azy ireo, sy tamin'ireo ray izay nahatonga azy ireo ho teraka eto ambonin'ity tany ity, [4]'Ho faty amin'ny aretim-pahafatesana izy ireo. Tsy hitomaniana izy ireo na ho alevina. Ho lasa toy ny zezika amin'ny tany izy ireo. Fa amin'ny alalan'ny sabatra sy ny mosary no hiafaran'izy ireo, ary ny fatin'izy ireo dia ho lasa sakafo ho an'ireo voron'ny lanitra sy ireo bibin'ny tany.'
[5]Fa tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: "Aza miditra amin'ny trano izay misy fitomaniana. Aza mandeha mba hitomany na ampiseho fangorahana ho azy ireo, fa efa nesoriko teo amin'izany vahoaka izany ny fiadanako, ny fitiavako tsy miova sy ny famindram-poko—izany no fanambaran'i Yaveh. [6]Ny lehibe sy ny kely dia samy ho faty eto amin'ity tany ity. Tsy ho alevina izy ireo, ary tsy hisy na iray aza hitomany azy ireo na hanapaka ny tenan'izy ireo na hanaratra ny lohany ho azy ireo.
[7]Aoka tsy hisy na iza na iza hizara sakafo amin'ny fisaonana mba hampiononana azy ireo noho ireo fahafatesana, ary aoka tsy hisy hanome kapoaka fampiononana ho an'ny rainy na ho an'ny reniny mba hampiononana azy ireo. [8]Aoka ianao tsy ho any amin'ny trano fanasana mba hipetraka hiaraka amin'izy ireo mba hihinana na hisotro.' [9]Fa Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, nanao hoe: 'Indro, eto anatrehan'ny masonareo, andronareo ary amin'ity toerana ity, hampitsahatra ny feon'ny fifaliana sy ny feon'ny firavoravoana aho, ny feon'ny mpampiakatra sy ny feon'ny ampakarina.'
[10]Ary ianao hitatitra ireo teny rehetra ireo amin'ireto vahoaka ireto amin'izany andro izany, ary hilaza aminao izy ireo hoe: 'Nahoana Yaveh no nandidy ity loza lehibe rehetra hanoherana antsika ity? Inona no helokay sy fahotanay izay nanotanay tamin'i Yaveh Andriamanitsika? [11]Koa lazao izy ireo hoe: 'Satria nandao ahy ireo razambenareo—izany no fanambaran'i Yaveh—ary nankany amin'ny andriamani-kafa izy ireo ary nanompo sy niankohoka tamin'izy ireo. Dia nandao Ahy izy ireo ary tsy nitàna ny didiko.
[12]Saingy ny tenanareo dia efa nitondra faharatsiana maro noho ireo razambenareo, ka indro, samy nandeha tamin'ny hamafisan-dohany ny olona tsirairay araka ny fo ratsiny; tsy misy na iray aza mihaino Ahy. [13]Koa ho esoriko eto amin'ity tany ity ho any amin'ny tany izay tsy mbola fantatrareo na ireo razambenareo, ary hanompo ireo andriamani-kafa andro aman'alina any ianareo, fa tsy hanome fankasitrahana ho anareo Aho.'
[14]Ka noho izany, indro, tonga ary ny andro—izao no fanambaran'i Yaveh—rehefa tsy ho lazaina intsony hoe: [15]"'Raha mbola velona koa i Yaveh, ilay nitondra ny vahoakan'Israely avy any amin'ny tanin'i Egypta.' Fa hoe: 'Raha mbola velona koa i Yaveh, ilay nitondra ireo vahoakan'Israely avy any amin'ny tany avaratra sy avy any amin'ireo tany izay efa nampielezana azy ireo.' Fa ho averiko any amin'ny tany izay nomeko ny razambeny izy ireo.
[16]Indro! Handefa mpanarato maro aho—izao no fanambaran'i Yaveh—ka hanarato ireo olona izy ireo. Aorian'izany dia handefa mpihaza maro aho mba hihaza ho azy ireo eny amin'ny tendrombohitra sy havoana rehetra, ary eny an-tsefatsefaky ny haram-bato izy ireo. [17]Fa ny masoko dia ho eny amin'ny lalan'izy ireo rehetra; tsy afaka ny hiafina eo anoloako izy ireo. Tsy afaka ny hiafina eo anoloan'ny masoko ny helok'izy ireo. [18]Hanonotra avo roa heny ny heloka sy ny otan'izy ireo ho an'ny fandotoan'izy ireo ny taniko tamin'ny sampy vetavetan'izy ireo aloha Aho, sy ny famenoan'izy ireo sampy maharikoriko ny lovako."
[19]Yaveh o, Ianao no fiarovako mafy sy fialofako, toerana azoko antoka amin'ny androm-pahoriana. Ho any Aminao ireo firenena avy any amin'ny faran'ny tany ary hilaza hoe: 'nandova fitaka tokoa ny razambenay. Foana izy ireo; ary tsy ahitana tombontsoa ao amin'izy ireo. [20]Manao andriamanitra ho an'ny tenan'izy ireo ve ny olona? Kanefa tsy andriamanitra izy ireo.' [21]Noho izany indro! Ho ampahafantariko azy ireo amin'izany fotoana izany, ho ataoko fantatr'izy ireo ny tanako sy ny heriko, ka ho fantatr'izy ireo fa Yaveh no anarako.

17 [1]"'Voasoratra tamin'ny penina vy manana tendro diamondra ny fahotan'i Joda. Voasokitra eo amin'ny takelaky ny fon'izy ireo sy eo amin'ny tandrok'ireo alitaranao izany. [2]Na dia ny zanak'izy ireo aza dia mahatsiaro ireo alitarany sy ireo baon'Aserahany izay teo akaikin'ny hazo misandrahaka sy tambonin'ny havoana avo.
[3]Teo an-tendrombohitro tao amin'ny tanàna malalaka ny baon'Aseraha. Ny harenanareo sy ireo zava-tsarobidinareo rehetra dia homeko toy ny babo, miaraka amin'ny fitoerana avonareo, noho ireo fahotana nataonareo teo amin'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

faritaninareo rehetra. [4]Ho very ny lova izay nomeko anareo. Ho ataoko andevon'ireo fahavalonareo ao amin'ny tany izay tsy fantatrareo ianareo, fa ianareo dia efa nandrehitra afo amin'ny fahatezerako, izay hirehitra mandrakizay."
[5]Hoy i Yaveh: "Voaozona ny olona izay mahatoky olombelona; manao ny nofony ho heriny izy nefa mampivily ny fony amin'i Yaveh. [6]Fa ho tahaka ny kirihitra kely ao Araba izy ary tsy hahita zava-tsoa ho avy. Hijanona any amin'ny toeram-batolampy any an-efitra izy, tany karakaina tsy misy mponina.
[7]Nefa voatahy ny olona izay mahatoky an'i Yaveh, fa Yaveh no anton'ny fahatokiany. [8]Fa ho tahaka ny hazo nambolena teny amoron-drano izy, hisandrahaka manamorona ny riaka ireo fakany. Tsy hatahotra ny hafanana izy raha tonga izany, fa ireo raviny dia maitso mandrakariva. Tsy manahy amin'ny taonan'ny hain-tany izy, ary tsy hitsahatra hamoa izy.
[9]Mamitaka mihoatra ny zavatra rehetra ny fo. Marary izany; iza no afaka ahatakatra izany? [10]Izaho no Yaveh, ilay mizaha ny ao an-tsaina, ilay mitsapa ireo fo. Manome araky ny fomban'ny olona tsirairay Aho, araky ny vokatr'ireo asany.
[11]Mikotrika ny atody izay tsy nalatsany ny tsipohy. Mety ho tonga mpanankarena tsy ara-drariny ny olona, nefa rehefa misasaka ny andro iainany, dia handao azy ireo mpanakarena ireo, ary any am-parany dia ho lasa adala izy."
[12]"Ny sezan'ny tempolinay dia seza fiandrianana be voninahitra, nankarina hatrany am-piandohana. [13]Yaveh no fanantenan'Israely. Ho menatra ireo rehetra izay mandao Anao. Ireo ao amin'ny tany izay niala taminao dia ho soratana amin'ny vovoka. Satria mandao an'i Yaveh Izy ireo, ilay loharanon'ny rano velona. [14]Sitrano aho, ry Yaveh, dia ho sitrana aho! Vonjeo aho, dia ho voavonjy aho. Fa Ianao no hira fiderako.
[15]Indro, hoy izy ireo tamiko: "Aiza ny tenin'Yaveh? Avelao izany ho avy!' [16]Raha ny amiko, tsy niala tamin'ny maha mpiandry ondry manaraka Anao aho, tsy naniry ny andron'ny loza aho. Fantatrao ireo fanambarana avy amin'ny molotro. Natao teo amin'ny fanatrehahanao ireny.
[17]Aza mampihorohoro ahy. Ianao no fialofako amin'ny andron'ny loza. Aoka ho menatra anie ireo mpanenjika ahy, nefa aza avela ho menatra aho. [18]Aoka izy ireo hatahotra, fa aza avela hatahotra aho. Alefaso amin'izy ireo ny andron'ny loza ary torotoroy amin'ny anjara loza avo roa heny izy ireo."
[19]Izao no nolazain'i Yaveh tamiko: "Mandehana ary mijoroa eo amin'ny vavahadin'ny vahoaka izay hidiran'ireo mpanjakan'i Joda sy ivoahan'izy ireo, ary avy eo amin'ny vavahady hafa an'i Jerosalema rehetra. [20]Lazao izy ireo hoe: 'Henoy ny tenin'i Yaveh, ry mpanjakan'i Joda sy ianareo vahoakan'i Joda rehetra, ary ny mponin'i Jerosalema izay mandalo amin'ireo vavahady ireo.
[21]Izao no lazain'i Yaveh: "Tandremo ny ainareo aza milanja enta-mavesatra amin'ny Andro Sabata ka hitondra izany mankeo amin'ireo vavahadin'i Jerosalema. Aza mitondra entana mivoaka ny tranonareo amin'ny Andro Sabata. [22]Aza manao asa na inona na inona, fa atokano ny Andro Sabata, izay tahaka ny nandidiako ireo razanao hatao.'" [23]Tsy nihaino na nitandrina izy ireo, fa nanamafy ny hatony mba tsy handrenesany ahy na hanaiky famaizana.
[24]Hiseho izao raha mihaino ahy tokoa ianareo—izao no fanambaran'i Yaveh—ary aza mitondra entana mankeo amin'ireo vavahadin'ny tanàna amin'ny Andro Sabata fa kosa atokano ho an'i Yaveh ny Andro Sabata ary aza manao asa na inona na inona amin'izany, [25]ary ireo mpanjaka, andriana, sy ireo izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida dia hankeo amin'ireo vavahadin'ity tanàna ity amin'ny kalesy miaraka amin'ny soavaly, izy ireo sy ireo mpitarika azy ireo, ny lehilahin'i Joda sy ny mponin'i Jerosalema, ary ity tanàna ity dia honenana mandrakizay.
[26]Izy ireo dia ho avy any amin'ny tanànan'i Joda sy avy amin'ny manodidina an'i Jerosalema, avy amin'ny tanin'i Benjamina sy ireo faritra iva, avy any amin'ireo tendrombohitra, ary avy any Negeva, hitondra ireo fanatitra dorana sy ireo sorona, fanatitra voa sy ditin-kazo manitra, fanati-pisaorana ao an-tranon'i Yaveh. [27]Nefa raha tsy mihaino Ahy ianareo—ny amin'ny fanokanana ny Andro Sabata sy ny tsy fitondrana enta-mavesatra ary ny tsy fidirana amin'ireo vavahadin'i Jerosalema amin'ny Andro Sabata—dia handrehetako afo eo amin'ireo vavahadiny, ka handevona ny mandan'i Jerosalema izany, ary tsy ho vonoina izany."

18 [1]Ny teny izay tonga tamin'i Jeremia avy tamin'i Yaveh, manao hoe: [2]"Mitsangana ary mivoaha tao an-tranon'ny mpanefy tanimanga, fa any no hampandrenesiko anao ny Teniko." [3]Ka nankany an-tranon'ny mpanefy tanimanga aho, ary indro! Ny mpanefy tanimanga dia niasa teo amin'ny kodiarany. [4]Fa simba teny an-tanany ny vilany tanimanga izay novolavolainy, ka niova hevitra izy ary nanao zavatra hafa izay toa tsara teo imasony.
[5]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [6]"Tsy afaka manao tahaka ny ataon'io mpanefy io aminareo ve Aho, ry ankohonan'Israely? —izao no fanambaran'i Yaveh. Indro! Tahaka ny tanimanga eo an-tanan'ny mpanefy—dia toy izany ianareo eo an-tanako, ry ankohonan'Israely. [7]Amin'ny fotoana iray, dia mety hanonona zavatra ho an'ny firenena na fanjakana iray Aho, mba hamoahako, handrodanako, na hamotehako izany. [8]Fa raha miala amin'ny haratsiany ny firenena izay nanaovako izany fanambarana izany, dia hihazona ny loza izay nomaniko ho entiko eo amin'izany Aho.
[9]Amin'ny fotoana hafa, dia mety hanambara zavatra momba ny firenena na fanjakana iray Aho, fa hanangana na hamboly izany Aho. [10]Fa raha manao ratsy eo imasoko izy amin'ny tsy fihainoana ny feoko, dia hajanoko ny soa izay nolaizaiko fa ho ataoko amin'izy ireo.
[11]Ary ankehitriny, mitenena amin'ny olon'i Joda sy amin'ny mponin'i Jerosalema ka lazao hoe:' Izao no lazain'i Yaveh: Indro, hamolavola loza ho anareo Aho. Efa mamorona tetika hanoherana anareo Aho. Mibebaha, amin'ny fomba ratsiny ny olona tsirairay avy, dia hitondra soa ho anareo ireo fombanareo sy ireo fanaonareo.' [12]Fa hiteny izy ireo hoe: 'Tsy misy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ilàna azy izany. Hanao araka izay fikasanay manokana izahay. Ny tsirairay avy aminay dia hanao izay fanirian-dratsin'ny fony.'
[13]Noho izany dia izao no lazain'i Yaveh:' Anontanio ireo firenena, iza no efa nandre karazan-javatra tahak'izao? Efa nanao asa mahatsiravina Israely virijiny. [14]Moa ve ny oram-panala any Libanona efa nandao ny havoanam-bato eo anilany? Moa ve ny rian-tendrombohitra avy lavitra efa rava, ireo riana mamanala?
[15]Efa nanadino ahy ny vahoakako. Nanao fanatitra ho an'ny sampy tsy misy dikany izy ireo ary natao ho tafintohina teny amin'ireo lalany izy ireo; nandao ireo lalany fahiny izy ireo ho amin'ireo lalana vitsivitsy kokoa. [16]Ho tonga horohoro ny tanin'izy ireo, ho anton'ny siotsioka mandrakizay. Izay rehetra mandalo eo aminy dia hangovitra sy hanifikifi-doha. Hanaparitaka azy ireo eo anoloan'ny fahavalony tahaka ny rivotra atsinana Aho. [17]Hampiseho ny lamosiko azy ireo Aho, fa tsy ny tavako, amin'ny andron'ny lozan'izy ireo.'"
[18]Ka hoy ny vahoaka tamin'i Jeremia: "Manatona, aoka isika hanao tetika hanoherana an'i Jeremia, fa tsy ho levona ny lalàna avy amin'ireo mpisorona, na ny toro-hevitra avy amin'ireo olon-kendry, na ireo teny avy amin'ireo mpaminany. Manatona, aoka isika hanafika azy amin'ireo tenintsika ary tsy hitandrina izay ambarany intsony." [19]Mihainoa ahy, ry Yaveh, ary henoy ny feon'ireo fahavaloko. [20]Moa ve ny loza avy amin'izy ireo tokoa no valisoako tamin'ny hatsaram-panahiko tamin'izy ireo? Fa nihady lavaka ho ahy izy ireo. Tsarovy ny nitsanganako teo anoloanao mba hiresaka ny fifanampian'izy ireo, mba hampiala ny fahatezeranao amin'izy ireo.
[21]Noho izany dia ataovy tonga amin'ireo zanany ny mosary, ary atolory eo an-tanan'ireo izay mampiasa sabatra izy ireo. Koa avelao ny vehivavin'izy ireo hidonam-pahoriana sy ho mpitondratena, ary ny lehilahiny ho voavono, ary ireo tovolahiny ho fatin'ny sabatra sabatra any an'ady. [22]Aoka ho re avy ao amin'ny tranon'izy ireo ny hiakiam-pahoriana, tahaka ny hitondranao mpanafika hanohitra azy ireo tampoka. Fa efa nihady lavaka hisamborana ahy izy ireo ary nanafina fandrika ho an'ny tongotro. [23]Fa Ianao, ry Yaveh, Ianao mahalala ny drafitra rehetran'izy ireo amiko mba hamonoany ahy. Aza mamela ireo heloka sy fahotan'izy ireo. Aza mamafa ny fahotan'izy ireo hiala Aminao. Fa kosa, aoka izy ireo ho rava eo anatrehanao. Mihetseha hanohitra azy ireo amin'ny fotoanan'ny fahatezeranao.

19 [1]Izao no nolazain'i Yaveh: "Mandehana ary mividiana tavoara tanimangan'ny mpanefy tanimanga raha miaraka amin'ny ireo loholon'ireo vahoaka sy ireo mpisorona ianao. [2]Dia mivoaha any amin'ny lohasahan'i Ben-Hinoma any amin'ny fidiran'ny Vavahadin'ny Vilany Vaky, ary ambarao ao ny teny izay ho lazaiko aminao. [3]Lazao hoe: 'Henoy ny tenin'i Yaveh, ry mpanjakan'i Joda sy mponin'i Jerosalema! Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitrin'ny Israely, milaza izao: "Indro, ary izaho dia hitondra loza amin'ity toerana ity, ary ny sofin'ireo rehetra izay maheno izao dia hangotsokotsoka.
[4]Hanao izany aho satria nafoin'izy ireo Aho ary nozimbazimbainy ity toerana ity. Eto amin'ity toerana ity no anoloran'izy ireo sorona ho an'ireo andriamanin-kafa izay tsy fantany. Izy ireo, ireo razambeny, ary ny mpanjakan'ny Joda ihany koa dia efa nameno ràn'ny tsy manan-tsiny teo amin'ity toerana ity. [5]Nanorina ireo toerana avon'i Bala izy ireo handorana amin'ny afo ny zanakalahin'izy ireo ho fanatitra dorana ho azy izy—zavatra izay tsy nodidiako na notononiko, na koa niditra tao an-tsaiko.
[6]Koa, indro, ho avy ny andro—izao no fanambaran'i Yaveh—rehefa tsy ho antsoina intsony hoe Tofeta ity toerana ity, ilay Lohasahan'i Ben-Hinoma, fa ho lasa Lohasahan'ny Famonoana izany. [7]Eto amin'ity toerana ity no hanaovako ireo fikasan'i Joda sy Jerosalema ho tsy misy ilàna azy. Ho ataoko ho lavon'ny sabatra eo anoloan'ireo fahavalony izy ireo ary ny tanan'ireo izay mifofo ny ainy izy ireo. Dia homeko ho sakafon'ny vorona eny amin'ny lanitra sy ny biby eny amin'ny tany ny fatin'izy ireo. [8]Dia hataoko ho faharavana sy zavatra fihisitrisitr'ity tanàna ity, ka izay rehetra mandalo eo amin'izany dia hangovitra sy hisioka momban'ny areti-mandringana rehetra. [9]Hampihinanako ny nofon'ireo zanany lahy sy ireo zanany vavy izy ireo; ny olona tsirairay dia hihinana ny nofon'ny mpiara-belona aminy eo amin'ny fahirano ary amin'ny fangirifiriana no hitondrana azy ireo amin'ny fahavalony sy ireo mitady ny ainy.'"
[10]Dia ho vakianao eo imason'ireo lehilahy izay niaraka taminao ny tavoara tanimanga. [11]Hilaza amin'izy ireo ianao hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: "Hanao zavatra mitovy toy izany amin'ity vahoaka ity sy ity tanàna ity Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—toy ny nanorotoron'i Jeremia ny tavoara tanimanga no tsy nahafahana nanamboarana izany indray. Handevina ny maty any Tofeta ny olona mandra-paha tsy misy toerana hafa handevenana ireo maty intsony.
[12]Toy izany no hanaovako ity toerana ity sy ireo mponiny raha hanao ity toerana ity tahaka an'i Tofeta Aho—izany no fanambaran'i Yaveh— [13]ka ny tranon'i Jerosalema sy ireo mpanjakan'i Joda dia ho tonga tahaka an'i Tofeta—ireo trano rehetra izay misy tampon-trano hideran'ny olona maloto ny kintana rehetra eny amin'ny lanitra ary andrarahany fanatitra sotroina ho an'ireo andriamanin-kafa.'"
[14]Dia tonga avy any Tofeta i Jeremia, izay nanirahan'i Yaveh azy mba haminany. Nitsangana teo amin'ny kianjan'ny tranon'i Yaveh izy ary niteny tamin'ny olona rehetra hoe: [15]"Izao no lazain'ny Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely hoe: 'indro, hitondra amin'ity tanàna ity sy ny renivohiny rehetra ny loza rehetra izay efa nambarako tamin'izany Aho, satria nanamafy ny hatony izy ireo ary nandà tsy hihaino ny teniko."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

20 [1]Pasora zanak'i Imera mpisorona—manamboninahitra mpitarika izy—dia nandre an'i Jeremia naminany ireo teny
ireo teo anoloan'ny tranon'i Yaveh. [2]Koa novelesin'i Pasora i Jeremia mpaminany ary avy eo napetrany tao amin'ireo
hazo fanagadrana izay teo amin'ny Vavahady Ambonin'i Benjamina tao amin'ny tranon'i Yaveh.
[3]Ary navoakan'i Pasora tao amin'ny hazo fanagadrana i Jeremia ny andro manaraka. Dia hoy Jeremia taminy: "Tsy
niantso ny anaranao hoe Pasora i Yaveh, fa Magora-misabiba ianao. [4]Fa izao no lazain'i Yaveh: 'Indro, ho ataoko zavatra
mampatahotra ianao, dia ianao sy ireo olon-tianao rehetra, fa ho lavon'ny sabatr'ireo fahavalony izy ireo ary hahita izany
ny masonao. Ho atolotro eo an-tanan'ny mpanjakan'i Babylona ny Joda rehetra. Ho ataony babo any Babylona izy ireo na
ho tafihany amin'ny tsabatra.
[5]Homeko azy ny haren'ity tanàna ity rehetra sy ny fananany rehetra, ny zava-tsarobidin'izany rehetra sy ny haren'ny
mpanjakan'ny Joda rehetra. Ho apetrako eny an-tanan'ireo fahavalonao ireo zavatra ireo, ka ho lasan'izy ireo izany. Haka
ireny izy ireo ka hitondra ireo any Babylona. [6]Nefa ianao, ry Pasora, sy ireo mipetraka ao an-tranonao rehetra dia ho
lasan-ko babo. Handeha any Babylona ianao ka ho faty any. Ianao sy ireo olon-tianao rehetra izay naminanianao zavatra
fitaka dia ho alevina any.'"
[7]"Namitaka ahy Ianao, ry Yaveh, ary voafitaka aho. Matanjaka noho izaho Ianao, ary mandresy ahy Ianao. Lasa
fihomehezana mandritry ny tontolo andro aho, maneso ahy ny olon-drehetra. [8]Fa isaky ny niteny aho, dia niantso mafy
aho ary nanambara hoe: 'Herisetra sy fandravana'. Ary lasa latsa sy fanesoana ho ahy isan'andro ny tenin'i Yaveh. [9]Raha
miteny aho hoe: "Tsy hieritreritra momba an'i Yaveh intsony aho. Tsy hiteny amin'ny anarany intsony aho.' Ary tahaka ny
afo ao am-poko izany, voatazona ao anatin'ny taolako. Koa mitolona mba hitana izany aho saingy tsy nahavita.
[10]Nandre ny tsahon'ireo mpampihorohoro avy amin'ny olona rehetra manodidina aho.'Tatero! Tsy maintsy taterintsika
izany!' Ireo izay akaiky ahy dia mitazana mba hijery raha mianjera aho.' Mety ho azo fitahana izy. Raha izany, dia afaka
mandresy azy isika ary hanao ny valifatintsika aminy.' [11]Fa momba ahy tahaka ny mpiady mahery Yaveh, ka hivembena
ireo olona izay manenjika ahy. Tsy handresy ahy izy ireo. Ho afa-baraka tanteraka tokoa izy ireo, satria tsy hahomby. Ho
menatra tsy hanam-piafarana izy ireo, tsy ho adino mandrakizay izany.
[12]Nefa ianao, ry Yaveh Tompon'ny maro, Ianao izay mandinika ny fahamarinana sy izay mahita ny saina sy ny fo. Avelao
aho hahita ny valifatinao amin'izy ireo satria efa naneho ny trangako taminao aho. [13]Mihirà ho an'i Yaveh! Miderà an'i
Yaveh! Fa efa namonjy ny ain'ireo izay nampahoriana teny an-tanan'ireo mpanao ratsy Izy.
[14]Aoka ho ozonina ny andro nahaterahako. Aoka tsy ho tahiana ny andro izay nitondran'ny reniko ahy. [15]Aoka ho ozonina
ilay lehilahy izay nampahafantatra ny raiko, ilay niteny hoe: 'Misy zazalahy nateraka ho anao', hiteraka fifaliana lehibe.
[16]Aoka izany lehilahy izany ho tahaka ireo tanàna izay noravain'i Yaveh ka tsy nananany antra. Aoka izy handre ny antso
vonjy amin'ny mangiran-dratsy, sy ny tomanin'ny ady amin'ny atoandro, [17]satria tsy namono ahy tao am-bohoka izy,
nanao ny reniko ho fasako, dia kibo izay nitoe-jaza mandrakizay. [18]Nahoana izany no nivoaka tao am-bohoka aho mba
hijery fahoriana sy alahelo, mba ho feno henatra ireo androko?"

21 [1]Ny teny izay tonga tamin'i Jeremia avy amin'i Yaveh rehefa nandefa an'i Pasora zanaka lahin'i Malkia sy i Zefania
zanaka lahin'i Mahasela mpisorona tany aminy i Zedekia mpanjaka. Dia hoy izy ireo taminy: [2]"Mangataha hevitra
amin'i Yaveh ho anay, fa manangana ady aminay i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona. Hanao ireo fahagagana ho
anay angamba Yaveh, toy ny tamin'ny andro taloha, ka hampiala azy eo aminay."
[3]Ka hoy Jeremia tamin'izy ireo: "Izao no tsy maintsy lazainareo an'i Zedekia, [4]"Yaveh, Andriamanitr'Israely, miteny izao:
"Indro, hampiverina ireo fitaovam-piadiana izay eo an-tananareo aho, niaraka amin'izay niadinareo hanohitra ny
mpanjakan'ny Babylona sy ireo Kaldeana izay nanatona anareo avy tany ivelan'ireo manda! Fa hanangona azy ireo ho eo
ampovoan'ity tanàna ity. [5]Dia Izaho tenako no hiady aminao miaraka amin'ny tanana mitsotra sy sandry mafy, sy
miaraka amin'ny fahasosorana, fahavinirana, ary fahatezerana lehibe.
[6]Dia hanafika ireo mponin'ity tanàna ity Aho, na ny olona na ny biby. Ho faty amin'ny areti-mandringana mafy izy ireo.
[7]Aorian'izany—izao no fanambaran'i Yaveh—Zedekia mpanjakan'i Joda, ireo mpanompony, ny vahoaka, sy ireo izay
mijanona eto amin'ity tanàna ity aorian'ny areti-mandringana, ny sabatra, ary ny mosary, dia homeko ho eo an-tanan'i
Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona izy rehetra, sy eo an-tanan'ireo fahavalony, ary eo an-tanan'ireo izay mifofo ny
ain'izy ireo. Dia hamono azy ireo amin'ny lelan-tsabatra izy. Tsy hiantra azy ireo izy, tsy hamindra fo azy ireo, na hanana
fangoraham-po.'
[8]Ary aoka ho lazainao amin'io vahoaka io hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh: "Indro, ho apetrako manoloana anareo ny lalan'ny
fiainana sy ny lalan'ny fahafatesana. [9]Izay mijanona amin'ity tanàna ity dia ho fatin'ny sabatra, mosary ary ny areti-
mandringana; fa izay mivoaka ka mianjera eo amin'ny lohaliny eo anoloan'ireo Kaldeana izay nanao fahirano anao dia
ho velona. Handositra hiaraka amin'ny ainy izy. [10]Fa efa nanandrina ny tavako hanohitra ity tanàna ity aho mba hitondra
loza fa tsy hitondra soa—izany no fanambaran'i Yaveh. Efa natolotra eo an-tanan'ny mpanjakan'i Babylona ary ho dorany
izany.'
[11]Henoy ny tenin'i Yaveh mahakasika ny taranakin'ny mpanjakan'ny Joda. [12]Ry taranak'i Davida, hoy i Yaveh: "tanteraho
ny rariny amin'ny maraina. Vonjeo eny an-tanan'ny mpampahory ilay voaroba, fandrao hivoaka toy ny afo ny hatezerako
ka handoro, ary tsy hisy na iray aza ka afaka hamono izany, noho ireo asa ratsinao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Indro, ry mponin'ny loasaha! Manohitra anao Aho, ry vaton'ny lemaka—izao no fanambaran'i Yaveh— Izaho dia manohitra ireo izay rehetra manao hoe: "Iza no hidina hanafika anay?" na hoe: "Iza no hiditra ao an-tranonay?"
[14]Nanendry ny vokatrin'ireo asanao ho avy hanohitra anao Aho—Izany no fanambaran'i Yaveh—ary andrehitra afo any amin'ireo kirihitr'ala aho, ary handevona ireo rehetra izay manodidina azy izany."

22 [1]Izao no lazain'i Yaveh: "Midìna any an-tranon'ny mpanjakan'i Joda ary ambarao any izao teny izao. [2]Lazao hoe: 'Ry mpanjakan'i Joda, henoy ny tenin'i Yaveh—ianao izay mitoetra eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida—ianao, sy ireo mpanomponao, ary ireo vahoakanao izay mandalo eo amin'ireo vavahady ireo. [3]Izao no lazain'i Yaveh: "Manaova ny rariny sy fahamarinana, ary izay voaroba—vonjeo eny an-tanan'ny mpampahory izy. Aza manao fomba ratsy amin'ireo vahiny, na kamboty, na mpitondratena eo amin'ny taninao. Aza manao herisetra na mandatsaka ny ràn'ny tsy manan-tsiny amin'ity toerana ity.
[4]Fa raha manao ireo zavatra ireo tokoa ianao, dia hiditra eo amin'ireo vavahadin'ity trano ity hitaingina kalesy sy soavaly ireo mpanjaka mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida, izy, ireo mpanompony, ary ny vahoakany! [5]Fa raha tsy mihaino ireo teny avy amiko izay efa nambarako ireo ianao—izany no fanambaran'i Yaveh—dia ho tonga faharavana ity tranon'ny mpanjaka ity.'"
[6]Fa izao no lazain'Yaveh mahakasika ny tranon'ny mpanjakan'i Joda: 'Ianao dia tahaka an'i Gileada, na tahaka ny tendron'i Libanona amiko. Na izany aza ho avadiko tany efitra ianao, ho tanàna tsy misy mponina. [7]Fa efa nanendry ireo mpandrava ho avy hanohitra anao Aho! Hanapaka ireo sederanao tsara indrindra ireo lehilahy miaraka amin'ny fitaovam-piadiany ary hamela azy ireo hianjera anaty afo.
[8]Ary firenena maro no handalo amin'ity tanàna ity. Hifampilaza amin'ny eo akaikiny ny tsirairay hoe: 'Nahoana no nanao izao tamin'ity tanàna lehibe ity Yaveh?" [9]Ary hamaly ny hafa hoe: "Satria nahafoy ny faneken'i Yaveh Andriamaniny izy ireo, ary niankohoka tamin'ireo andriamanitra hafa sy nanompo azy ireo."
[10]Aza mitomany izay maty, na misaona ho azy; fa mitomania ho azy izay handeha alavitra, satria tsy hiverina intsony izy ary tsy hahita ny tanindrazany intsony.'
[11]Fa izao no lazain'i Yaveh momba an'i Jehoaza zanaka lahin'i Josia mpanjakan'i Joda, izay nanompo tahaka ny mpanjaka raha tokony ho Josia rainy: 'Niala teto amin'ity toerana ity izy ary tsy hiverina. [12]Ho faty any amin'ilay toerana izay nanaovan'izy ireo sesitany azy izy, ary tsy hahita ity tany ity intsony.'
[13]Loza ho an'izay manorina ny tranony amin'ny tsy fahamarinana, ny efitranony ambony amin'ny tsy rariny, izay mampiasa maina ny mpiara-belona aminy, ary tsy manome ny karamany; [14]hoy izy hoe: 'Hanorina trano lehibe sy efitrano ambony malalaka ho ahy aho.' Koa manapàha varavarankely lehibe ho izany, ary nasiany valin-drihana sedera izany, ary nolokoiny mena.'
[15]Mahatonga anao ho mpanjaka tsara ve ny fanirianaono hanana takelaka sedera? Moa ve tsy nihinana sy nisotro ihany koa ny rainao, fa kosa nanao ny rariny sy fahamarinana? Ary nandeha tsara ny zava-drehetra ho azy. [16]Nanome rariny ny ory sy fadiranovana izy. Ary dia tsara izany. Moa ve izany tsy midika ny fahafantarana Ahy? —izany no fanambaran'i Yaveh.
[17]Fa tsy misy na inona na inona ankoatran'ny tahotra eo amin'ny masonao sy ny fonao noho ny amin'ny tombony tsy ara-drariny sy ny amin'ny fandatsahan-dràn'ny tsy manan-tsiny, ny fampahoriana sy fanorotorona ny hafa. [18]Noho izany dia hoy i Yaveh mahakasika an'i Joiakima zanaka lahin'i Josia, mpanjakan'i Joda: Tsy hitomany ho azy izy ireo ka hanao hoe: 'loza, ry rahalahiko!' na 'loza, ry rahavaviko!' Tsy hitomany ho azy izy ireo ka hanao hoe: 'loza, ry tompo!' na 'loza, ry be voninahitra!' [19]Ho alevina toy ny fandevenam-boriky izy, ho taritarihina sy hatsipy any ivelan'ny vavahadin'i Jerosalema izy.
[20]Miakara any an-tendrombohitr'i Libanona ka miantsoa mafy. Asandrato ao Basana ny feonao. Miantsoa mafy avy eny amin'ireo tendrombohitr'i Abarima, fa ho ringana ireo namanao rehetra. [21]Niresaka taminao Aho fony nandry ampilaminana ianao, nefa hoy ianao hoe: 'Tsy hihaino aho.' Izany no fombanao hatramin'ny fahatanoranao satria tsy nihaino ny feoko ianao.
[22]Hiandry ireo mpiandry ondrinao rehetra ny rivotra, ary ireo namanao dia ho lasan-ko babo. Ary dia ho menatra sy hangahiahy tokoa ianao nohon'ny asa ratsinao rehetra. [23]Ianao izay monina any 'Libanona,' izay manorina akany amin' ny sedera, endrey ny hamindrana fo aminao rehefa tonga aminao ny fanaintainan'ny asa, fanaintainana izay tahaka ny an'ny vehivavy miteraka!"
[24]"Raha velona koa Aho—izao no fanambaran'i Yaveh—na dia peratra tombokasen'ny tanako ankavanana aza ianao ry Jekonia, zanaka lahin'i Joiakima, mpanjakan'i Joda, dia ho viraviraiko ianao. [25]Fa efa nomeko ho eo an-tanan'ireo izay mifofo ny ainao ianao ary ho eo an-tanan'ireo izay atahoranao, na ho eny an-tanan'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona sy ireo Kaldeana koa aza. [26]Hanary anao sy ny reninanao niteraka anao any amin'ny tany hafa Aho, tanàna izay tsy nahaterahanao, ary ao ianao no ho faty.
[27]Raha ny momba ity tany izay hirian'izy ireo hiveranana ity, dia tsy hiverina aty izy ireo. [28]Moa ve tsy fanaka notsinontsinoavina sy notorotoroina izany? Moa ve tsy vilany izay tsy nahafaly an'iza na iza izany lehilahy Jekonia izany? Nahoana izy sy ny taranany no narian'izy ireo, ka natsipiny tany amin'ny tany izay tsy fantatr'izy ireo?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[29]Ry tany, ry tany, ry tany! Henoy ny tenin'i Yaveh! [30]Izao no lazain'i Yaveh: 'Manorata mahakasika ity lehilahy Jekonia ity: tsy hanan-taranaka izy. Tsy ho ambinina mandritra ny androm-piainany izy, ary tsy hisy na iray amin'ireo taranany ahita fahombiazana na hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida indray ka hanapaka an'i Joda.'"

23 [1]"Loza ho an'ireo mpiandry ondry izay mamotika sy manaparitaka ny ondrin'ny ahitra maitsoko—izany no fanambaran'i Yaveh." [2]Noho izany Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, dia milaza izao mahakasika an'ireo mpiandry ondry izay miandry ny olony: "Naparitakareo ireo ondriko ary noroahinareo. Tsy niraharaha azy ireo ianareo. Koa hanasazy anareo Aho nohon'ny ratsy izay nataonareo—izany no fanambaran'i Yaveh.
[3]Izaho tenako no hanangona ny sisa amin'ireo ondriko avy any amin'ny tany rehetra izay nandroahako azy ireo, ary hamerina azy ireo amin'ny toerana misy ahitra, izay hamokaran'izy ireo sy hitomboan'izy ireo Aho. [4]Avy eo Aho hanangana mpiandry ondry eo amin'izy ireo izay hiandry azy ireo mba tsy hatahotra na torotoro intsony izy ireo. Tsy hisy ho very izy ireo— izany no fanambaran'i Yaveh.
[5]Indro, ho avy ny andro—izao no fanambaran'i Yaveh—rehefa hanangana rantsana marina ho an'i Davida Aho. Hanjaka toy ny mpanjaka izy; hiasa am-pahendrena izy ary hampisy rariny sy fahamarinana eo amin'ilay tany. [6]Amin'ireo androny dia ho voavonjy i Joda, ary Israely dia hiaina am-pilaminana. Dia izao no anarana hiantsoany azy: Yaveh no fahamarinantsika.
[7]Noho izany indro, ho avy ny andro—izao no fanambaran'i Yaveh—rehefa tsy hiteny intsony izy ireo hoe: 'Raha mbola velona koa Yaveh, ilay nitondra ny vahoakan'Israely hivoka ny tany Egypta.' [8]Fa hilaza kosa izy ireo hoe: 'Raha mbola velona koa Yaveh, ilay nitondra sy nitarika ny taranak'Israely avy tany amin'ny tany avaratra sy ny tany rehetra izay nandroahana azy ireo.' Avy eo dia hiaina any amin'ny tanin'izy ireo ihany izy ireo.
[9]Raha ny momban'ireo mpaminany, dia maratra ny foko, ary mangovitra ny taolako rehetra. Lasa toy ny olona mamo aho, toy ny olona izay resin'ny divainy, noho Yaveh sy ireo teniny masina. [10]Fa ilay tany dia feno mpijangajanga. Noho ireo dia maina ny tany. Maina ireo tanin'ahitra any an'efitra. Ratsy ireo lalan'ny mpaminany ireo; tsy miasa amin'ny tokony ho izy ny fahefan'izy ireo.
[11]"Fa ireo mpaminany sy ireo mpisorona dia samy maloto. Efa nahita ny faharatsian'izy ireo tao an-tranoko mihitsy Aho! — izany no fanambaran'i Yaveh— [12]noho izany dia ho toy ny toerana malama ao anaty aizina ny lalan'izy ireo. Ho atosika hidina izy ireo. Hianjera eo amin'izany izy ireo. Fa handefa loza eo amin'zy ireo amin'ny taonan'ny fanasazina azy ireo Aho—izany no fanambaran'i Yaveh.
[13]Fa efa hitako nanao izay maharikoriko ireo mpaminany tany Samaria: naminany tamin'i Bala izy ireo ary nitarika ny vahoakako Israely amin'ny lalan-diso. [14]Nahita zavatra mahatsiravina teo amin'ireo mpaminany tany Jerosalema Aho: Nijangajanga izy ireo ary nandeha tamin'ny fitaka. Nanamafy ny tanan'ireo mpanao ratsy izy ireo; tsy nisy niala tamin'ny ratsy fanaony. Lasa toa an'i Sodoma avokoa izy rehetra amiko ary ny mponiny dia toa an'i Gomora!" [15]Noho izany Yaveh tompon'ny maro dia milaza izao mahakasika ireo mpaminany: "Indro, hampihinana zava-mahafaty sy hampisotro rano misy poizina azy ireo Aho, satria ny fahalotoana dia nivoaka tamin'ireo mpaminanin'i Jerosalema nankany amin'ny tany rehetra."
[16]Yaveh tompon'ny maro dia milaza izao: "Aza mihaino ny tenin'ireo mpaminany izay maminany aminareo. Efa namitaka anareo izy ireo! Izy ireo dia manambara fahitana avy ao an-tsain'izy ireo manokana ihany, fa tsy avy amin'ny vavan'i Yaveh. [17]Milaza foana amin'ireo izay manala baraka Ahy izy ireo hoe: 'Yaveh dia manambara fa hisy fiadanana ho anareo.' Fa ny olona rehetra izay mandeha amin'ny ditran'ny fony dia manao hoe: 'Tsy ho avy aminareo ny loza.' [18]Nefa iza no nitsangana teo amin'ny fivorian'ny synedrionan'i Yaveh? Iza no mahita sy mandre ny teniny? Iza no nanongila-tsofina tamin'ny teniny ary nihaino?
[19]Indro, misy rivo-doza ho avy avy any amin'i Yaveh! Mivoaka ny hatezerany, ary misy tafio-drivotra hitsoaka. Mitsoka manodidina ny lohan'ireo ratsy fanahy izany. [20]Tsy hiverina ny hatezeran' Andriamanitra mandra-pahatanterahany sy mandra-pitondrany ny fikasan'ny fony. Amin'ny andro farany, dia ho azonareo izany.
[21]Tsy nandefa ireo mpaminany ireo Aho. Nipoitra fotsiny izy ireo. Tsy nanambara na inona na inona tamin'izy ireo Aho, nefa mbola naminany ihany izy ireo. [22]Fa raha nitsangana teo amin'ny fivorian'ny synedrionako izy ireo, dia ahatonga ny oloko handre ny teniko izy ireo; nampivily azy ireo tamin'ireo teny ratsiny sy fanaovan'izy ireo kolikoly.
[23]Moa Andriamanitra eo akaiky eo fotsiny ihany ve Aho—izao no fanambaran'i Yaveh—fa tsy Andriamanitra alavitra ihany koa? [24]Misy olona afaka miafina any amin'ny toerana miafina ve ka tsy hitako? —izany no fanambaran'i Yaveh—ary moa tsy mameno ny lanitra sy ny tany Aho? —izany no fanambaran'i Yaveh.
[25]Efa reko ny voalazan'ireo mpaminany, ireo izay naminany fitaka tamin'ny anarako. Hoy izy ireo hoe: 'Nanofy aho! Nanofy aho!' [26]Hafiriana no hitohizan'izany, ry mpaminany izay maminany lainga avy ao an-tsain'izy ireo, sy maminany avy amin'ny fitaka ao am-pon'izy ireo? [27]Izy ireo dia mitetika ny hanadinoan'ny oloko ny anarako amin'ireo nofy izay taterin'izy ireo tsirairay avy amin'ny mpiara-monina aminy, tahaka ny nanadinoan'ny razamben'izy ireo ny anarako nohon'ny anaran'i Bala.
[28]Ny mpaminany izay manana nofy, aoka izy hitatitra ilay nofy. Fa izay nanambarako zavatra, aoka izy hanambara ny teniko am-pahamarinana. Fa inona no idiran'ny mololo amin'ny vary? —izany no fanambaran'i Yaveh— [29]Moa tsy toy ny afo ve ny teniko? —izany no fanambaran'i Yaveh—ary toy ny tatanana izay manorotoro vato ho potipotika? [30]Koa indro,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

manohitra an'ireo mpaminany Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—izay rehetra mangalatra teny amin'ny olona hafa ary milaza fa avy amiko ireny.
[31]Indro, manohitra an'ireo mpaminany Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—izay mampiasa ny lelan'izy ireo mba haminaniana fanambarana. [32]Indro, manohitra an'ireo mpaminany izay manofy amim-pitaka Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—ary avy eo manambara ireo ary amin'izany fomba izany dia mamitaka ny oloko amin'ny alalan'ny fitaka sy fiheboheboan'izy ireo. Manohitra azy ireo Aho, satria tsy naniraka na nanome baiko azy ireo Aho. Noho izany dia azo antoka fa tsy hanampy an'ity vahoaka ity izy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh.
[33]Rehefa manontany anao ireo olona ireo, na ny mpaminany, na ny mpisorona hoe: 'Inona no entan-mavesatr'i Yaveh?' dia hilaza amin'izy ireo ianao hoe: 'Ianareo no entan-mavesatra, ary handroaka anareo Aho'—izany no fanambaran'i Yaveh. [34]Raha ny amin'ireo mpaminany, mpisorona, sy olona izay miteny hoe: 'Ity ny vesatr'i Yaveh' dia hanasazy izany olona izany sy ny ankohonany Aho.
[35]Tsy mitsahatra milaza ianareo, ny olona tsirairay amin'ny mpiara-belona aminy ary ny olona tsirairay amin'ny rahalahiny hoe: 'Inona no navalin'i Yaveh?' sy hoe: 'Inona no nambaran'i Yaveh?' [36]Kanefa tsy tokony hiresaka momban'ny 'vesatr'i Yaveh' intsony ianareo, satria ilay vesatra dia ny tenin'ny olona tsirairay manokana, ary ianareo dia nametaveta ny tenin'ilay Andriamanitra velona, ilay Yaveh tompon'ny maro, Andriamanintsika.
[37]Izao no ho lazainareo amin'ilay mpaminany hoe: 'Inona no valin-teny nomen'i Yaveh anareo? na hoe: 'Inona no nolazain'i Yaveh' [38]Fa raha miteny ianareo hoe: 'Ilay vesatr'i Yaveh,' dia izao no ambaran'i Yaveh: 'Satria niteny ireo teny ireo ianareo hoe: 'Vesatr'i Yaveh,' rehefa naniraka anareo Aho, niteny hoe: 'Aza miteny hoe: "Vesatr'i Yaveh,"' [39]noho izany, dia indro, haka anareo Aho ary hanipy anareo lavitra Ahy, miaraka amin'ilay tanàna izay nomeko anareo sy ireo razambenareo. [40]Avy eo dia hametraka henatra sy faniratsiràna aminareo mandrakizay izay tsy ho adinoina Aho.'"

24 [1]Nampiseho zavatra tamiko i Yaveh. Indro, aviavy roa harona no napetraka teo anatrehan'ny tempolin'i Yaveh. (Io fahitana io dia niseho taorian'ny nanaovan'i Nebokadzenara, mpanjakan'i Babylona sesitany an'i Joakina zanaka lahin'i Joakima, mpanjakan'i Joda, ireo manam-pahefan'i Joda, ireo mpanao asa tanana ary ireo mpanefy vy avy ao Jerosalema ary nitondrany azy ireo tany Babylona.) [2]Ilay harona iray dia nisy aviavy tsara tokoa, tahaka ny voalohan'aviavy masaka, fa ilay harona iray kosa dia nisy aviavy tena ratsy ka tsy afaka hohanina ireo. [3]Hoy i Yaveh tamiko: "Inona no hitanao, ry Jeremia?" Hoy aho hoe: "Aviavy. Aviavy izay tena tsara tokoa ary aviavy izay ratsy tokoa ka tsy azo hohanina."
[4]Ary tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [5]"Yaveh, Andriamanitr'Israely, nilaza izao: Hitsinjo ny sesitanin'i Joda ho an'ny tombontsoan'izy ireo Aho, tahaka ireo aviavy tsara ireo, ireo natao sesitany izay teto amin'ity toerana ity ho any amin'ny tanin'ny Kaldeana. [6]Ho tsofiko rano izy ireo ary ho averiko eo amin'io tany io indray. Ho antsangako indray izy ireo, fa tsy ho simbaiko. Ho amboleko izy ireo, ary tsy ho fongorako. [7]Ary homeko fo mba ahafantatra Ahy, fa Izaho no Yaveh. Ho oloko izy ireo ary Izaho ho Andriamaniny, ka hitodika Amiko amin'ny fony manontolo izy ireo.
[8]Fa tahaka ireo aviavy izay ratsy tokoa raha hohanina—dia izao no lazain'i Yaveh—tahaka izany fomba izany no hanaovako an'i Zedekia, mpanjakan'i Joda, miaraka amin'ireo manam-pahefany, ary ny Jerosalema sisa izay tavela amin'ity tany ity na mandeha mba hipetraka any amin'ny tany Egypta. [9]Ho avadiko ho zavatra mampitahotra izy ireo, ho loza, eo imason'ny fanjakan'ny tany rehetra, fahafaham-baraka sy ambentin-tenin'ohabolana, fitenenan-dratsy, ary ozona amin'ny toerana rehetra izay hitondrako azy ireo. [10]Handefa sabatra, mosary, ary areti-mandringana amin'izy ireo Aho, mandra-paharava azy ireo amin'ity tany izay nomeko azy ireo sy ny razambeny ity."

25 [1]Izao no teny tonga tamin'ny Jeremia mahakasika ny olon'i Joda rehetra. Tonga izany tamin'ny taona fahefatra nanjakan'i Joiakima zanak'i Josia, mpanjakan'i Joda. Taona voalohany nanjakan'i Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona izany. [2]Jeremia mpaminany nanambara izao tamin'ny olona rehetra tao Joda sy ny mponin'i Jerosalema rehetra.
[3]Hoy izy hoe: "Nandritra ny telo amby roapolo taona, tamin'ny fahatelo ambin'ny folo taona nanjakan'i Josia zanak'i Amona, mpanjakan'i Joda mandrak'ankehitriny, dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh ary efa nolazaiko anareo hatrany hatrany, fa tsy nihaino ianareo. [4]Nandefa ireo mpaminany mpanompony rehetra ho eo aminareo hatrany hatrany i Yaveh, fa tsy nihaino azy ianareo na niraharaha.
[5]Ireo mpaminany niteny hoe: 'Aoka ny olona tsirairay hiala amin'ny fomba ratsiny sy ny kolikoly fanaony ary hiverena any amin'ny tany izay nomen'i Yaveh ny razambenareo tamin'ny andro fahiny sy ho anareo, ho fanomezana maharitra.
[6]Ka aza manaraka amin'ireo andriamanitra hafa mba hanompo na hiankohoka amin'izy ireo, ary aza miantsy Azy amin'ireo asan'ny tananareo mba tsy hanisiany ratsy anareo.'
[7]Kanefa tsy nohenoinareo Aho—izao no fanambaran'i Yaveh—koa efa niantsy Ahy ianareo amin'ny asan'ny tananareo mba hanisy ratsy anareo. [8]Koa Yaveh Tompon'ny maro nilaza izao: 'Satria tsy nihaino ireo teniko ianareo, [9]indro, handefa didy hanangonana ny olona rehetra avy any avaratra Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—miaraka amin'i Nebokadnezara mpanompoko, mpanjakan'i Babylona, ary hitondra azy ireo hanohitra izao tany izao sy ireo mponiny Aho, ary hanohitra ireo firenena rehetra manodidina anareo. Fa ho atokako izy ireo amin'ny fandringanana. Ho avadiko ho horohoro, sy zavatra mampisiotsioka, ary faharavana tsy misy fahataperana izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Hatsahatro ny feon'ny fifaliana ary ny feon'ny firavoravoana, ny feon'ny mpampakatra ary ny feon'ny ampakarina, ny feon'ny vato fikosoham-bary ary ny fahazavan'ny jiro. [11]Dia ho tonga faharavana sy horohoro ity tany rehetra ity, ary ireo firenena ireo hanompo ny mpanjakan'i Babylona mandritra ny fitopolo taona.
[12]Ary rehefa feno ny fitopolo taona, dia ho faiziko ny mpanjakan'i Babylona sy izany firenena izany, dia ny tanin'ireo Kaldeana—izany no fanambaran'i Yaveh—noho ny helok'izy ireo ary ho ataoko ho faharavana tsy misy fahataperana izany. [13]Koa ho tanterahiko amin'izany tany izany ny teny rehetra izay efa nolazaiko, ary ny zavatra rehetra voasoratra ao amin'ity boky izay naminanian'i Jeremia hanoherana ireo firenena rehetra ity. [14]Fa hamoaka ireo andevo ao amin'ireo firenena ireo koa ny firenena maro hafa sy ireo mpanjaka lehibe maro hafa. Ho valiako araka ny ataony sy araka ny asan'ny tanany avy izy ireo.
[15]Fa Yaveh, Andriamanitr'Israely, nilaza izany tamiko manao hoe: "Raiso ety an-tanako ity kapoakan-divain'ny fahatezerana ity ary aoka ireo firenena rehetra izay anirahako anao hisotro izany. [16]Fa hisotro izy ireo sy ho tafintohina noho izany ary hivembena toy ny adala anoloan'ny sabatra izay alefako eo amin'izy ireo."
[17]Koa dia noraisiko avy teo an-tanan'i Yaveh ny kapaoka, ary nampisotroiko izany ny firenena rehetra izay nalefan'i Yaveh ahy: [18]dia i Jerosalema, ireo tanàn-dehiben'i Joda sy ny mpanjakany ary ireo manam-pahefana—mba hamadika azy ireo ho faharavana sy zavatra mampatahotra, sy zavatra mampisiotsioka sy fanozonana, tahaka azy ireo amin'izao andro izao.
[19]Tsy maintsy nisotro izany koa Ireo firenena hafa: Farao mpanjakan'i Egypta sy ireo mpanompony; ireo manam-pahefany sy ny vahokany; [20]ny olona rehetra samy hafa fiaviana sy ireo mpanjaka rehetra avy amin'ny tanin'i Oza; ireo mpanjaka avy amin'ny tanin'ny Filistia rehetra—Askelona, Gaza, Ekron, ary ny sisa any Asdoda; [21]Edoma sy Moaba ary ny vahoakan'i Amona.
[22]Ireo mpanjakan'i Tyro sy Sidona, ireo mpanjakan'ny moron-tsiraka eny ampitan'ny ranomasina, [23]Dedana, Tema, ary Boza miaraka amin'ireo olona rehetra izay nanapaka ny sisin'ny volondohan'izy ireo, tsy maintsy nisotro izany ihany koa izy ireo.
[24]Ireto olona ireto dia tsy maintsy nisotro izany ihany koa: ny mpanjakan'i Arabia rehetra ary ny mpanjakan'ny vahoaka samy hafa fiaviana rehetra izay monina any an'efitra; [25]ny mpanjakan'i Zimry rehetra, ny mpanjakan'i Elama rehetra, ary ny mpanjakan'i Media rehetra; [26]ny mpanjakan'ny avaratra rehetra, na ny akaiky ary na ny lavitra—ny olona tsirairay miaraka amin'ny rahalahiny ary ny fanjakana rehetra eo amin'izao tontolo izao izay eo ambonin'ny tany. Tao aorian'izy rehetra ireo dia ny mpanjakan'i Babylona no hisotro farany.
[27]Nilaza tamiko Yaveh hoe: "Ankehitriny tsy maintsy hilaza amin'izy ireo ianao hoe: 'Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, nilaza izao: misotroa ary mimamoa, ary mandoava, mianjerà, ary aza mitsangana manoloana ny sabatra izay nalefako eo aminareo.' [28]Ary raha mandà tsy handray ilay kapoaka ho sotroina eny an-tananao izy ireo, dia lazao izy ireo hoe: 'nilaza izao Yaveh tompon'ny maro hoe: tsy maintsy misotro izany tokoa ianareo. [29]Fa indro, hitondra loza eo amin'ilay tanàna izay nantsoina tamin'ny anarako Aho, dia tokony ho afaka amin'ny famaizana ve ianareo? Tsy ho afaka ianareo, satria hiantso ny sabatra hanohitra ny mponina rehetra amin'ilay tany Aho! —izany no fanambaran' i Yaveh Tompon'ny maro.'
[30]Tsy maintsy maminany ireo teny rehetra amin'izy ireo ianao, ary lazao azy ireo hoe: 'Hierona avy any amin'ny avo i Yaveh ary hanandratra ny feony avy eny amin'ny fitoerany masina, ary hierona mafy amin'ny fiforetany Izy; ary hihiaka Izy, tahaka ireo izay manitsakitsaka ny voaloboka manohitra ireo rehetra izay miaina eto tany. [31]Ny feon'ady hanakoako hatrany amparan'ny tany, fa Yaveh mitondra fiampangana amin'ireo firenena, ary mitondra fitsarana eo amin'ny nofo rehetra Izy. Hanolotra ireo ratsy fanahy eo amin'ny sabatra Izy—izany no fanambaran'i Yaveh.'
[32]Yaveh Tompon'ny maro nilaza izao hoe: 'Indro, hivoaka hitety firenena ny loza, ary miala avy any amin'ny faritra lavitra indrindra amin'ny tany ny tafio-drivotra mahery. [33]Ary ireo izay novonoin'i Yaveh amin'izany andro izany dia hihitatra hatrany amin'ny fiafaran'ny tany iray ka hatramin'ny ilany hafa; tsy hisaonana izy ireo, na hoangonina, na ho alevina. Ho tahaka ny zezika eo ambonin'ny tany izy ireo.
[34]Midradradradrà, ry mpiandry ondry, ary miantsoa vonjy! Mihodikodina eo amin'ny vovoka, ianareo ry mpitarika ny ondry, fa efa tonga ny andro famonoana anareo; hiparitaka toy ny vilany manify ianareo rehefa mianjera. [35]Tsy misy fialofana ho an'ireo mpiandry ondry, tsy ho afa-mandositra ireo mpitarika ny ondry. [36]Henoy ny tomanin'ireo mpiandry ondry sy ny fidradradradran'ireo mpitarik'ondry, fa simbain'i Yaveh ny ahitr'izy ireo.
[37]Koa ho ravarava ireo ahitra noho fasiahan'ny fahatezeran'i Yaveh. [38]Tahaka ny liona tanora, nandao ny zohiny izy, satria ny tanin'izy ireo dia ho tonga horohoro noho ny fahatezeran'ny mpampahory, noho ny firehetan'ny fahatezerany." [1]

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Fahatezeran'ny mpampahory", ny dikan-teny taloha sy taty aoriana manao hoe: "Sabatrin'ny mpampahory."

26 [1]Tamin'ny fiandohan'ny fanjakan'i Joiakima zanaka lahin'i Josia, dia tonga avy amin'i Yaveh izao teny izao, nanao hoe: [2]"Yaveh niteny hoe: "Mitsangàna eo amin'ny kianjan'ny tranoko ary lazao amin'ny tanànan'i Joda rehetra izay tonga hanao fanompoam-pivavahana ao an-tranoko. Ambarao ny teny rehetra izay nandidiko anao ho lazainao amin'izy ireo. Aza misy teny hanalana! [3]Angamba mba hihaino izy ireo, ka hiala amin'ireo lalan-dratsiny ny olona tsirairay, ka hihazona ny loza izay efa nokasaiko ho entina eo amin'izy ireo nohon'ny faharatsian'ny fomba fanaon'izy ireo Aho.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Koa tsy maintsy milaza amin'izy ireo ianao hoe:'Izao no nambaran'i Yaveh: Raha tsy mihaino ahy ianareo ka tsy
mandeha araka ny lalàko izay napetrako teo anatrehanareo— [5]raha tsy mihaino ny tenin'ireo mpaminany mpanompoko
ianareo izay nikirizako nalefa taminareo ianareo— fa tsy nihaino ianareo! — [6]dia ho ataoko tahaka an'i Silo ity trano ity;
ho ataoko ozona eo imason'ireo firenena rehetra eran'ny tany ity tanàna ity.'"
[7]Ireo mpisorona, ireo mpaminany, sy ny olona rehetra dia naheno an'i Jeremiah nanambara izany teny izany tao an-
tranon'i Yaveh. [8]Ary raha vao nifarana ny fanambaran'i Jeremia ny teny rehetra izay nandidin'i Yaveh azy ho lazainy
tamin'ny olona rehetra, dia nisambotra azy ireo mpisorona, ireo mpaminany, sy ny olona rehetra ka nanao hoe: "tena ho
faty ianao! [9]Nahoana ianao no naminany tamin'ny anaran'i Yaveh ary nilaza fa ity trano ity dia ho tonga tahaka an'i Silo
ary ity tanàna ity dia ho lao, ary tsy hisy mponina? Fa ny vahoaka rehetra nitangorona nanohitra an'i Jeremia tao an-
tranon'i Yaveh.
[10]Ary naheno izany teny izany ireo manam-pahefan'i Joda ary niakatra avy any an-tranon'ny mpanjaka ho any an-tranon'i
Yaveh. Nipetraka teo am-bavahady teo amin'ny Vavahady Vaovaon'ny tranon'i Yaveh izy ireo. [11]Ireo mpisorona sy ireo
mpaminany niresaka tamin'ireo manam-pahefana sy ny olona rehetra. Hoy izy ireo: "Rariny ho an'ity lehilahy ity ny ho
faty, fa naminany nanohitra ity tanàna ity izy, araka izay renareo tamin'ny sofinareo!" [12]Koa niresaka tamin'ireo manam-
pahefana rehetra sy ny vahoaka rehetra i Jeremia ka nilaza hoe: "Yaveh no nandefa ahy haminany hanohitra ity trano sy
tanàna ity, mba hilaza ny teny rehetra izay efa renareo.
[13]Koa ankehitriny, hatsarao ny lalanareo sy ny fanaonareo, ary mihainoa ny feon'i Yaveh Andriamanitrareo mba
hanenenany ny mahakasika ny loza izay nambarany hanoherana anareo. [14]Izaho mihintsy no eo an-tananareo_jereo aho!
Ataovy amiko izay tsara sy marina eo imasonareo. [15]Fa tokony ho fantatrareo tokoa fa raha mamono ahy ianareo, dia
hitondra rà marina ho an'ny tenanareo sy ho an'ity tanàna ity sy ny mponina ao aminy, fa Yaveh tokoa no nandefa ahy
teo aminareo hanambara ireo teny rehetra ireo ho ren'ny sofinareo.
[16]Ary ireo manam-pahefana sy ny olona rehetra niteny tamin'ireo mpisorona sy ireo mpaminany hoe: "Tsy mendrika ny
ho faty ity lehilahy ity satria nanambara zavatra tamintsika tamin'ny anaran'i Yaveh Andriamanitsika izy." [17]Koa dia
nitsangana ireo loholon'ny tany ka niteny tamin'ny fiangonan'ny olona manontolo.
[18]Hoy izy ireo hoe: "Mika Morastita dia naminany tamin'ny andron'i Hezekia mpanjakan'ny Joda. Niresaka tamin'ny
vahoakan'i Joda rehetra izy ka nanao hoe: 'Yaveh Tompon'ny maro nilaza izao: ho hasaina tahaka ny saha i Ziona, ho
tonga korontam-bato iJerosalema, ary ny tendrombohitrin'ny tempoly dia ho tonga havoana rakotra kirihitrala.'
[19]Namono azy ve i Hezekia mpanjakan'ny Joda sy ny Joda rehetra? Tsy natahotra an'i Yaveh ve izy ka nampitony ny
tavan'i Yaveh mba hanajanonan'i Yaveh ny loza izay efa nambarany azy ireo? Koa hanao zava-dratsy lehibe amin'ny
aintsika ihany ve isika?"
[20]Teo anilan'izany ihany koa dia nisy lehilahy hafa izay naminany tamin'ny anaran'i Yaveh—Oria zanaka lahin'i Semaia
avy amin'i Kiriata Jearima—izy koa dia naminany hanohitra ity tanàna sy tany ity, nifanaraka tamin'ny tenin'i Jeremia
rehetra. [21]Fa rehefa ren'i Joiakima mpanjaka sy ny miaramilany rehetra sy ny manam-pahefany ny teniny, dia niezaka ny
hamono azy ny mpanjaka, saingy nandre izany i Oria ka natahotra, dia nandositra ary lasa nankany Egypta.
[22]Ary nandefa lehilahy ho any Egypta ny mpanjaka Joiakima—Elnatana zanaka lahin'i Akbora sy lehilahy handeha ho any
Egypta hanaraka an'i Oria. [23]Nalain'izy ireo hivoaka avy tao Egypta i Oria ary nentina teo amin'i Joiakima mpanjaka izy.
Ary dia novonoin'i Joiakima tamin'ny sabatra izy ary nalefany tany amin'ireo fasan'ny olon-tsotra ny fatiny. [24]Fa ny tanan'i
Ahikama zanaka lahin'i Safana dia niaraka tamin'i Jeremia, ka tsy natolotra teo ampelan-tanan'ny vahoaka mba ho
vonoina izy.

27 [1]Tamin'ny fiandohan'ny fanjakan'i Zekedia zanaka lahin'i Josia, mpanjakan'i Joda, dia tonga tamin'i Jeremia ity teny
avy amin'i Yaveh ity. [1][2]Izao no nolazain'i Yaveh tamiko hoe: "Manamboara famatorana sy zioga ho an'ny tenanao.
Apetraho eo amin'ny hatokao ireo. [3]Avy eo dia alefaso any amin'ny mpanjakan'i Edoma, mpanjakan'i Moaba,
mpanjakan'ny vahoakan'i Amona, mpanjakan'i Tyro, ary amin'ny mpanjakan'i Sidona ireo. Alefaso amin'ny alalan'ny
tanan'ireo masoivohon'ny mpanjaka izay tonga tao Jerosalema ho any amin'i Zedekia mpanjakan'i Joda ireo. [4]Omeo baiko
izy ireo ho an'ireo tompon'izy ireo ary lazao hoe: "Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia nanambara izao: Izao
no tsy maintsy ho lazainareo amin'ireo tomponareo:
[5]"Izaho tenako dia nanao ny tany tamin'ny alalan'ny heriko lehibe sy ny sandriko nitsangana. Izaho ihany koa no nanao
ny olona sy ireo biby eo ambonin'ny tany, ary nomeko an'izay marina teo imasoko izany. [6]Koa ankehitriny, Izaho tenako
dia hanome ireo tany rehetra ireo ho eo am-pelan-tanan'i Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona, mpanompoko. Omeko
azy ihany koa ireo zava-manan'aina eny an-tsaha mba hanompo azy. [7]Fa ny firenena rehetra dia hanompo azy, ireo
zanany lahy, ary ireo zafikeliny mandra-pihavin'ny fotoanan'ny taniny. Ary hisy firenena maro sy mpanjaka lehibe
handresy azy.
[8]Noho izany ny firenena sy ny fanjakana izay tsy manompo an'i Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona, ary tsy
mametraka ny hatony ao ambanin'ny ziogan'ny mpanjakan'i Babylona—dia ho saziako amin'ny sabatra, mosary, ary
aretin-mandringana izany firenena izany—izany no fanambaran'i Yaveh—mandra-paharavako azy ireo amin'ny
alalan'ny tanany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Koa aza mihaino an'ireo mpilaza ny ho avy, ireo mpisikidinareo, ireo mpahitanareo, ireo mpijery ny ho avy, ary ireo mpamosavy, izay niresaka taminareo ary nilaza hoe: 'Aza manompo ny mpanjakan'i Babylon.' [10]Fa izy ireo dia maminany lainga aminareo mba handefasana anareo lavitra ny taninareo, fa ho roahiko ianareo, ary ho faty ianareo. [11]Fa ireo firenena izay mametraka ny hatony ao ambanin'ny ziogan'ny mpanjakan'i Babylona ka manompo azy, dia ho avelako hijanona eo amin'ny taniny izany—izany no fanambaran'i Yaveh—ary hamboly eo amin'izany izy ireo ary hanorina ny tranon'izy ireo eo amin'izany.""
[12]Koa niresaka tamin'i Zedekia mpanjakan'i joda Aho ary nanome azy izao hafatra izao: "Apetraho ao ambanin'ny ziogan'ny mpanjakan'i Babylona ny hatokareo ary manompoa azy sy ny vahoakany, ary ho velona ianareo. [13]Nahoana ianareo no ho faty—ianao sy ny vahoakanao—amin'ny alalan'ny sabatra, mosary, sy ny aretin-mandringana, tahaka ny efa nambarako momban'ny firenena izay mandà ny hanompo ny mpanjakan'i Babylona?
[14]Aza mihaino ny tenin'ireo mpaminany izay miresaka aminareo ary milaza hoe: 'Aza manompo ny mpanjakan'i Babylona,' satria maminany lainga aminareo izy ireo. [15]'Fa tsy nandefa azy ireo Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—fa izy ireo dia maminany fitaka amin'ny anarako mba handroahako anareo ka ho faty ianareo, ianareo sy ireo mpaminany izay naminany taminareo.'"
[16]Nambarako tamin'ireo mpisorona sy ny olona rehetra izany ary nanao hoe: "Izao no lazain'i Yaveh: Aza mihaino ny tenin'ireo mpaminaninareo izay maminany aminareo ary manao hoe: 'Indro! Ireo zavatra tao an'ny tranon'i Yaveh dia naverina tany Babylona ankehitriny!' Maminany lainga aminareo izy ireo. [17]Aza mihaino azy ireo. Tokony hanompo ny mpanjakan'i Babylona ianareo ary ho velona. Nahoana no tokony ho rava ity tanàna ity? [18]Raha mpaminany izy ireo, ary raha tonga tamin'izy ireo marina ny tenin'i Yaveh, dia aoka izy ireo hitalao amin'i Yaveh tompon'ny maro mba tsy handefa amin'i Babylona ireo zavatra izay tavela ao an-tranony, ilay tranon'ny mpanjakan'i Joda, sy Jerosalema.
[19]Yaveh tompon'ny maro dia milaza izao momban'ireo andry, ny tavin-drano lehibe, sy ny fitoeran'ny tavin-drano, ary ny ambin'ireo zavatra izay tavela ao amin'io tanàna io— [20]ireo zavatra izay tsy noraisin'i Nebokadnezara rehefa nilanja an'i Jekonia zanaka lahin'i Joiakima, mpanjakan'i Joda, ho babo avy any Jerosalema ho any Babylona niaraka tamin'ireo manan-kajan'i Joda sy Jerosalema.
[21]Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia milaza izao momban'ireo zavatra izay tavela ao amin'ny tranon'i Yaveh, ilay tranon'ny mpanjakan'i Joda, sy Jerosalema hoe: [22]'Ho entina any Babylona ireo, ary hipetraka any mandra-pahatongan'ny andro hiaviako ho azy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh—avy eo Aho hitondra ireo hiakatra ary hamerina ireo any amin'io toerana io.'"

---

[1]Na dia manao hoe "Joiakima" aza ny ankamaroan'ireo dika-teny Hebreo, ny ankamaroan'ireo dikan-teny amin'izao fotoana dia manao hoe "Zedekia", satria ireo tranga ao amin'ity toko ity dia niseho nandritry ny fanjakany

---

28 [1]Tamin'izany taona izany, tamin'ny fiantombohan'ny fanjakan'i Zedekia mpanjakan'i Joda, tamin'ny fahefa-taona sy fahadimin'ny volana, Hanania zanaka lahin'i Azora mpaminany, izay avy any Gibeona, dia niteny tamiko tao an-tranon'i Yaveh teo anatrehan'ireo mpaminany sy ny vahoaka rehetra. Hoy izy hoe: [2]"Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, milaza izao: Efa novakiako ny zioga izay napetraky ny mpanjakan'i Babylona.
[3]Ao anatin'ny roa taona dia haveriko eto amin'ity toerana ity ireo zavatra rehetra tao an-tranon'i Yaveh izay nalain'i Nebokadnezara mpanjaka an'i Babylona teto amin'ity toerana ity ka notaominy nankany Babylona. [4]Ary dia ho entiko miverina amin'ity toerana ity i Jekonia zanaka lahin'i Joiakima, mpanjakan'i Joda, ary ireo babo rehetra izay nirahina nankany Babylona—izany no fanambaran'i Yaveh—fa hamotika ny ziogan'ny mpanjakan'i Babylona aho."
[5]Koa niteny tamin'i Hanania mpaminany teo anatrehan'ireo mpisorona sy ny vahoaka rehetra izay nijoro tao an-tranon'Yaveh i Jeremia mpaminany. [6]Hoy Jeremia mpaminany hoe: "Hanao izany anie Yaveh! Yaveh anie hanamafy ireo teny izay naminanianao ka hamerina ireo zavatrin'ny tranon'i Yaveh eto amin'ity toerana ity, sy ireo babo rehetra avy any Babylona. [7]Na izany aza, mihainoa izao teny izay ambarako eo an-tsofinao sy eo an-tsofin'ny vahoaka rehetra.
[8]Ireo mpaminany izay nisy teo alohako sy teo alohanao taloha ela be ihany koa dia naminany mahakasika ireo firenena maro sy hanohitra ireo fanjakana lehibe, momban'ny ady, mosary, ary ny areti-mandringana. [9]Fa ny mpaminany izay maminany fa hisy fiadanana—raha tanteraka ny teniny, dia ho fantatra fa mpaminany nirahan'i Yaveh tokoa izy."
[10]Fa noraisin'i Hanania mpaminany ilay zioga teny an-tendan'i Jeremia mpaminany ary novakiany izany. [11]Avy eo dia niteny teo anatrehan'ny vahoaka rehetra i Hanania ka nanao hoe: "izao no tenin'Yaveh: Tahaka izany koa, ao anatin'ny roa taona dia ho vakiako avokoa ireo zioga izay napetrak'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona teo an-tendan'ny firenena rehetra." Dia nizotra tamin'ny lalany i Jeremia mpaminany.
[12]Taorian'ny namotehan'i Hanania mpaminany ny zioga teo amin'ny tendan'i Jeremia mpaminany, dia tonga tamin'i Jeremia mpaminany ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [13]"Mandehana ary miresaha amin'i Hanania ary lazao hoe: 'izao no lazain'i Yaveh: namaky zioga hazo Ianao, fa Izaho kosa hanao zioga vy.' [14]Fa izao no lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Efa nametraka zioga vy tamin'ny tendan'ireo firenena rehetra izay manompo an'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona ireo Aho, ka hanompo azy izy ireo. Efa nanome azy bibidia ihany koa Aho mba hanapaka eo aminy."
[15]Taorian'izany i Jeremia mpaminany dia niteny tamin'i Hanania mpaminany hoe: "Mihainoa ry Hanania! Tsy naniraka anao i Yaveh, fa ianao tenanao no nahatonga ireo vahoaka hino lainga. [16]Koa izao no lazain'i Yaveh: Indro, hanala anao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

eto an-tany Aho. Ho faty amin'ity taona ity ianao, satria nanambara fikomiana an'i Yaveh ianao." [17]Tamin'ny fahafiton'ny volan'izany taona izany ihany, dia maty i Hanania mpaminany.

29 [1]Ireto ny teny tao amin'ilay horonan-taratasy izay nalefan'i Jeremia mpaminany avy any Jerosalema ho an'ireo loholona sisa tavela tamin'ireo babo sy tamin'ireo mpisorona, ireo mpaminany, ary ireo vahoaka izay nataon'i Nebokadnezara sesitany avy any Jerosalema nankany Babylona. [2]Izany dia taorian'ny nandefasana an'i Jekonia mpanjaka, sy ny reny mpanjaka vavy, sy ireo manam-pahefana ambony, ny mpitarika an'i Joda sy Jerosalema, ary ireo mpanao asa-tanana tany Jerosalema. [3]Nampitondrainy an'i Elasa zanak'i Safana ary Gemaria zanak'i Hilkia izay nirahin'i Zedekia mpanjakan'i Joda, tany amin'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona, ilay horonan-taratasy.
[4]Izao no lazain'ilay horonan-taratasy: "Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, milaza izao amin'ireo babo rehetra izay nataoko sesitany avy tany Jerosalema ho any Babylona: [5]'Manamboara trano ary mitoera ao amin'ireo. Mambole zaridaina ary hano ny voan'ireo.
[6]Makà vady ary miteraha zanaka lahy sy zanaka vavy. Dia hakao vady ireo zanakareo lahy, ary tolory vady ireo zanakareo vavy. Aoka izy ireo hiteraka zanaka lahy sy zanaka vavy ary ampitomboy ireo mba tsy hanjary ho vitsy loatra ianareo. [7]Katsaho ny fiadanan'ny tanàna izay nanaovako anareo ho sesitany, ary mivavaha amiko ho an'izany satria hisy fiadanana ho anao ao raha ao ny fiadanana.'
[8]Fa Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia nilaza izao: 'Aza mamela an'ireo mpaminany izay eo anivonareo sy ireo mpisikidy hamitaka anareo, ary aza mihaino ireo nofy izay nofisinareo. [9]Fa izy ireo dia maminany am-pitaka aminareo amin'ny anarako. Tsy nandefa azy ireo Aho—izany no fanambaran'i Yaveh.'
[10]Fa izao no nolazain'Yaveh: 'Rehefa nanapaka anareo nandritry ny fitopolo taona i Babylona, dia hanampy anareo Aho ary hanatanteraka ny teny soako ho anareo mba hamerenana anareo amin'ity toerana ity. [11]Fa Izaho tenako no mahafantatra ny fikasako ho anareo—izany no fanambaran'i Yaveh—fikasana fiadanana fa tsy loza, mba hanome ho avy sy ny fanantenana ho anareo.
[12]Dia hiantso Ahy ianareo, ary andeha ka hivavaka amiko, dia hihaino anareo Aho. [13]Fa hitady Ahy ianareo ka hahita Ahy, satria hitady Ahy amin'ny fonareo manontolo. [14]Ary ho hitanareo Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—dia ho averiko ny harenareo; ho angoniko avy any amin'ny firenena sy toerana rehetra nampielezako anareo ianareo—izany no fanambaran'i Yaveh—fa hamerina anareo any amin'ilay toerana izay nanaovako sesitany anareo Aho.'
[15]Satria ianareo nilaza fa Yaveh dia nanandratra mpaminany ho anay any Babylona, [16]dia izao no lazain'i Yaveh amin'ny mpanjaka izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida sy amin'ireo olona rehetra izay mipetraka ao amin'izany tanàna izany, ireo rahalahinareo izay mbola tsy nivoaka ho babo niaraka taminareo— [17]Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: 'Indro, handefa sabatra, mosary, sy aretina eo amin'izy ireo Aho. Fa ho ataoko toy ny aviavy lo izay tena ratsy raha hohanina izy ireo.
[18]Dia hanenjika azy ireo amin'ny sabatra, mosary, sy areti-mandringana Aho ary hanao azy ireo ho mahatsiravina imason'ny fanjakan'ny tany rehetra—horohoro, fitaovana fanozonana sy mampisiotsioka, ary zavatra mahamenatra eo amin'ny firenena rehetra izay nampielezako azy. [19]Izany dia satria tsy nihaino ny teniko izy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh—izay nalefako azy ireo tamin'ny alalan'ireo mpaminany mpanompoko. Nandefa azy ireo ombieny ombieny Aho, nefa tsy nihaino ianareo— izany no fanambaran'i Yaveh.'
[20]Koa henoy ny tenin'i Yaveh, ianareo sesitany rehetra izay nalefany avy any Jerosalema ho any Babylona: [21]'Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia nilaza izao momba an'i Ahaba zanak'i Kolaia sy Zedekia zanak'i Mahaseia, izay maminany lainga aminareo amin'ny anarako: Indro, hametraka azy ireo eo an-pelatanan'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona Aho. Hamono azy ireo eo imsonareo Izy.
[22]Dia hisy ozona ho lazain'ireo babon'i Joda rehetra any Babylona momba ireo olona ireo. Ilay ozona dia hilaza hoe: Ho ataon'i Yaveh tahaka an'i Zedekia sy Ahaba anie ianareo, izay natonon'ny mpanjakan'ny Babylona tamin'ny afo. [23]Hiseho izany noho ireo zava-mahamenatra izay nataon'izy ireo tany Israely rehefa nijangajanga tamin'ny vadin'ny namany sy nilaza teny lainga tamin'ny anarako, zavatra izay tsy mbola nandidiko azy ireo ho lazaina mihitsy. Fa Izaho ilay mahalala; Izaho no vavolombelona—izany no fanambaran'i Yaveh.'"
[24]"Raha ny amin'i Semaia Nehelamita, dia izao lazaina: [25]'Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely: Satria ianao nandefa taratasy tamin'ny anaranao ihany tamin'ny olona rehetra tany Jerosalema, tamin'i Zefania zanak'i Masaia mpisorona, ary tamin'ny mpisorona rehetra, ary niteny hoe: [26]"Yaveh nanao anareo ho mpisorona fa tsy Joiada mpisorona, mba hiandraiketanareo ny tranon'i Yaveh. Ianao no mifehy ny olona rehetra izay very saina sy manao ny tenan'izy ireo ho mpaminany. Tokony ho gadraina sy fatorana amin'ny rojo vy izy ireo.
[27]Koa ankehitriny, Nahoana ianareo no tsy niteny mafy an'i Jeremia ny amin'i Anatota, izay manao ny tenany ho mpaminany manohitra anareo? [28]Fa efa naniraka ho anay tany Babylona izy ary niteny hoe: 'ho fotoana ela izany. Manorena trano ary mitoera ao amin'ireo, mambole zaridaina ary hano ny voan'ireo.'"' [29]Namaky ity taratasy ity i Zefania mpaminany teo an-tsofin'i Jeremia mpaminany.
[30]Dia tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [31]"Mandefasa teny amin'ireo sesitany rehetra ary lazao hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh momba an'i Semaia Nehelamita: Satria efa naminany taminareo i Semaia rehefa tsy nandefa azy Izaho tenako, ary nitarika anareo hino ireo lainga, [32]noho izany dia izao no lazain'i Yaveh: Indro, efa hanafay an'i Semaia

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Nahalemita sy ireo taranany Aho. Tsy hisy olona hijanonany eo amin'ny oloko—izany no fanambaran'i Yaveh—fa efa nitory fikomiana hanohitra an'i Yaveh izy.'"

30 [1]Ny teny izay tonga tamin'i Jeremia avy amin'i Yaveh dia manao hoe: [2]"'Izao no lazain'i Yaveh, Andriamanitr'Israely: 'Soraty anaty horonan-taratasy ho anao ny teny rehetra izay nambarako taminao tao amin'ny horonan-taratasy. [3]Fa indro, ho avy ny andro—izany no fanambaran'i Yaveh—izay hamerenako ny haren'ny oloko, dia Israely sy Joda. Izaho, Yaveh, no nilaza izany. Fa ho entiko miverina any amin'ny tany izay nomeko ny razany izy ireo, ary ho fananan'izy ireo izany.'"
[4]Izao no teny izay nambaran'i Yaveh mahakasika an'Israely sy Joda: [5]"'Fa izao no lazain'i Yaveh: 'Nandre feo nangovitry ny horohoro izahay fa tsy fiadanana.
[6]Manontania ary jereo raha misy lehilahy mitondra vohoka. Nahoana Aho no mahita ny tovolahy rehetra mametraka ny tanany eo am-balahany tahaka ny vehivavy mitondra vohoka? Nahoana no mihafotsy hatsatra avokoa ny tarehin'izy ireo? [7]Loza! Fa ho lehibe izany andro izany, ary tsy misy toy izany. Ho fotoan'ny tebiteby ho an'i Jakoba izany, saingy ho avotra amin'izany izy.
[8]Fa amin'izany andro izany—izao no fanambaran'i Yaveh tompon'ny maro—no hanapahako ny zioga hiala amin'ny vozonareo, ary hanorotoroko ny rojo vy anareo, ka tsy hanandevo anareo intsony ny vahiny. [9]Fa hivavaka amin'i Yaveh Andriamaniny izy ireo ary hanompo an'i Davida mpanjakany, izay hataoko mpanjaka eo amin'izy ireo.
[10]Koa ianao, ry Jakoba mpanompoko, aza matahotra—izany no fanambaran'i Yaveh—ary aza raiki-tahotra, ry Israely. Fa indro, efa hitondra anao hiverina avy any lavitra Aho, ary ny taranakao any amin'ny tanin'ny fahababoana. Hiverina i Jakoba ary hiadana; hilamina izy, ary tsy hisy horohoro intsony. [11]Fa miaraka aminao Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—mba hamonjy anao. Dia ho taperiko tanteraka ny amin'ireo firenena rehetra izay nampielezako anao. Fa tsy hanapitra anao tokoa Aho, na dia manafay anao amin'ny rariny aza Aho ka tsy hamela anao ho afa-maina.'
[12]Fa izao no lazain'i Yaveh: 'Tsy azo sitranina ny ratranao; voaloto ny ferinao. [13]Tsy misy hisolo vava anao; tsy misy fanafody ho an'ny ratranao mba hanasitrana anao.
[14]Nanadino anao ireo olon-tianao rehetra. Tsy hitady anao izy ireo, fa efa nandratra anao tamin'ny ferin'ny fahavalo sy tamin'ny famaizan'ny tompo lozabe Aho nohon'ny amin'ireo helokao sy ireo fahotanao tsy tambo isaina. [15]Nahoana ianao no miantso vonjy nohon'ny ratranao? Tsy mety sitrana ny fanaintainanao. Nohon'ny amin'ireo helokao, ireo fahotanao tsy tambo isaina, dia nataoko taminao ireny zavatra ireny.
[16]Koa izay rehetra mamotika anao dia ho potehina, ary izay mpifanandrina aminao rehetra dia ho lasan-ko babo. Fa ireo izay manbabo anao dia ho baboina, ary horobaiko izay mandroba anao. [17]Fa hitondra fanasitranana aminao Aho; hanasitrana anao amin'ny ratranao Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—ho ataoko izany satria izy ireo dia niantso anao hoe: Ry voaroaka. Tsy mba misy miraharaha an'ity Ziona ity.'"
[18]Izao no lazain'i Yaveh: "Indro, hamerina ny harenan'ny lain'i Jakoba Aho ary hangoraka ireo tranony. Dia hisy tanàna hiorina eo amin'ny faharavana misavovona, ary hiverina eo amin'ny toerany nisy azy indray ny fiarovana mafy. [19]Dia hisy hira fiderana sy feo fifaliana hivoaka avy amin'izy ireo, fa hampitombo azy ireo Aho fa tsy hampihena; homeko voninahitra izy ireo mba tsy hietry.
[20]Dia ho toy ny teo aloha ny olon'izy ireo, ary ny fiangonan'izy ireo dia hiorina eo anatrehako rehefa manafay ireo rehetra izay mampahory azy ireo amin'izao Aho. [21]Hivoaka avy ao amin'izy ireo ny mpitarik'izy ireo. Avy eo afovoanin'izy ireo no hipoirany rehefa ampanakaikeziko ary rehefa manatona Ahy izy. Raha tsy manao izany Aho, dia iza no sahy hanakaiky Ahy? —izany no fanambaran'i Yaveh. [22]Dia ho oloko ianareo, ary Izaho ho Andriamanitrareo.
[23]Indro, ny tafiotran'Yaveh, ny fahatezerany, fa nivoaka. Tafiotra mitohy izany. Hihodikodina eo an-dohan'ny olona ratsy fanahy izany. [24]Tsy hiverina ny fahatezeran'i Yaveh ambara-pahavitany sy hanatanterahany ny fikasan'ny fo. Amin'ny andro farany, dia ho takatrao izany."

31 [1]"'Tamin'izany fotoana izany—izao no fanambaran'i Yaveh—ho Andriamanitrin'ny fianakavian'ny Israely rehetra Aho, ary ho vahoakako izy ireo." [2]Izao no lazain'i Yaveh: "Ny olona izay tsy matin'ny sabatra dia nahita sitraka tany an'efitra; hivoaka Aho mba hanome fitsaharana ho an'ny Israely." [3]Niseho tamiko Yaveh tany aloha ary niteny hoe: "Nitia anao Aho, ry Israely, tamin'ny fitiavana maharitra mandrakizay. Koa nisarika anao hanatona Ahy tamin'ny fanekena mahatoky Aho.
[4]Hanangana anao indray Aho ka hitsangana ianao, ry Israely virijiny. Handray ny ampongatapakareo ianareo ary hivoaka amin'ny dihim-pifaliana. [5]Hamboly tanim-boaloboka indray eo amin'ireo tendrombohitr'i Samaria ianareo; ireo mpamboly dia hamboly ary hametraka ny vokatra amin'ny tokony ampiasana azy. [6]Fa ho avy ny andro hanambaran'ireo mpiambina eo amin'ireo tendrombohitr'i Efraima hoe: 'Mitsangàna, andeha isika hiakatra any Ziona any amin'i Yaveh Andriamanitsika.'
[7]Fa izao no lazain'i Yaveh: "Mihikà am-pifaliana ho an'i Jakoba! Mihikà am-piravoravoana ho an'ireo lehiben'ny vahoakan'ireo firenena! Aoka ho re ny fiderana. Lazao hoe: 'Efa namonjy ny vahoakany Yaveh, ny ireo sisa tavela tamin'ny Israely.'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Indro, efa hitondra azy ireo avy ao amin'ireo tany avaratra Aho. Hanangona azy ireo avy amin'ireo faritra lavitry
indrindra ny tany Aho. Ho anisan'izy ireo ny jamba sy ny malemy; hiaraka amin'izy ireo ny vehivavy bevohoka sy ireo
izay efa ho teraka. Hisy fiangonana lehibe hiverina eto. [9]Ho tonga am-pitomaniana izy ireo; hitarika azy ireo araka izay
fangatahany Aho. Hampandehaniko any amin'ny rian-drano any amin'ny lalana mahitsy izy ireo. Tsy ho tafintohina eo
amin'izany izy ireo, fa ho rain'ny Israely Aho, ary ho lahimatoako i Efraima."
[10]"Henoy ny tenin'i Yaveh, ry firenena. Tatero manerana ny faritany lavitra any. Ianareo firenena dia tsy maintsy hilaza
hoe: 'Ilay nanamparitaka an'Israely dia nanangona azy ary miandry azy tahaka ny mpiandry ondry mitandrina ny
ondriny.' [11]Fa efa nandoa ny vidim-panavotanan'i Jakoba Yaveh ary nanavotra azy teny amin'ny tanana izay mafy loatra
ho azy.
[12]Ary ho avy izy ireo ka hifaly eo an-tampon'i Ziona. Hamiratra noho ny fahatsaran'i Yaveh ny tavan'izy ireo, amin'ny
tandroka sy divay vaovao, amin'ny menaka sy ny zanakin'ny ondry aman'osy ary ireo omby. Fa ho tonga tahaka ny
zaridaina voatondraka ny fianan'izy ireo, ary tsy hahatsapa alahelo intsony izy ireo.
[13]Dia hifaly amin'ny dihy ireo virijiny, ary hiaraka ny zatovo sy ny lahy antitra. Fa ho avadiko ho fankalazana ny
fisaonan'izy ireo. Hangoraka azy ireo Aho ka hampifaly azy ireo fa tsy ampalahelo. [14]Dia hanototra be tokoa ny
fiainan'ireo mpisorona Aho. Hameno ny tenan'izy ireo amin'ny fahatsarako ny vahoakako—izany no fanambaran'i
Yaveh."
[15]Izao no lazain'i Yaveh: "Nisy feo re tany Rama, fidradradradrana sy fitomaniana mafy. Rahely mitomany ireo zanany
izany. Nandà tsy ampiononina ny amin'izy ireo izy, satria efa tsy miaina intsony izy ireo."
[16]Izao no lazain'i Yaveh: "Atsaharo amin'ny fitomaniana ny feonao ary amin'ny ranomaso ny masonao; satria misy valiny
ny fijalianao—izany no fanambaran'i Yaveh—hiverina avy any amin'ny tanin'ny fahavalo ireo zanakao. [17]Misy
fanantenana ny amin'ny ho avinao—izany no fanambaran'i Yaveh—hiverina ao amin'ny faritanin'izy ireo ny taranakao."
[18]Efa reko nalahelo tokoa i Efraima hoe: 'Nanasazy ahy Ianao, ary efa nosaziana tahaka ny zanak'omby tsy nozarina aho.
Ento miverina aho dia ho tafaverina, fa Ianao no Yaveh Andriamanitro. [19]Fa tao aorian'ny niverenako taminao, dia
nanenina aho; tao aorian'ny nanazarana ahy, dia namelaka ny feko aho. Afa-baraka sy menatra aho, fa efa niteraka ny
heloky ny fahatanorako.' [20]Moa tsy menakin'ny aiko ve i Efraima? Moa ve tsy malalako izy, zanaka tiako? Fa na oviana na
oviana hiresahako azy, dia mbola hahatsiaro am-pitiavana azy tokoa Aho. Izany no alahelovan'ny foko azy. Hangoraka
azy tokoa Aho—izany no fanambaran'i Yaveh."
[21]Mametraha famantaran-dalana ho anareo. Mametraha takela-by tari-dalana ho an'ny tenanareo. Saino ny lala-marina,
dia ny lalana izay tokony alehanao. Miverena, ry Israely virijiny! Miverena any amin'ireo tanànanao ireo. [22]Mandra-
pahoviana no hihozongozona ianao, ry zanakavavy tsy manam-pinoana? Fa efa namorona zava-baovao ho an'ny tany
Yaveh—dia vehivavy manodidina lehilahy matanjaka.
[23]Yaveh Tompon'ny maro, ilay Andriamanitr'i Israely, dia milaza hoe: "Rehefa mitondra ny vahoaka miverina amin'ny
tanin'izy ireo Aho, dia hilaza izany any amin'ny tanin'ny Joda sy ireo tanàn-dehibeny izy ireo hoe: 'Hitahy anao anie
Yaveh, ianao ry toerana marina izay itoerany, ianao ry tendrombohitra masina.' [24]Fa hiara-hipetraka any i Joda sy ireo
tanànany rehetra, tahaka ireo mpamboly sy ireo mpiandry ondry miaraka amin'ireo ondry aman'osy. [25]Fa hanome rano
ho sotroin'ireo olona reraka Aho, ary hampisotro ireo izay matin'ny hetaheta Aho." [26]Tao aorian'izany dia nifoha Aho, ary
nahatsapa fa nahavelombelona ny torimasoko.
[27]"Indro, tonga ny andro—izany no fanambaran'i Yaveh—izay hamafazako ireo ankohonan'Israely sy Joda mbamin'ireo
taranak'olombelona sy bibidia. [28]Tany aloha, dia narahako maso izy ireo mba hanongotana azy ireo sy hanimbana azy
ireo, mba handravana, hamotehana, ary hanasiana ratsy azy ireo. Fa amin'ny andro ho avy, dia hiambina azy ireo Aho,
mba hanangana azy ireo sy hamboly azy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh.
[29]Amin'ireo andro ireo dia tsy hisy na iza na iza hiteny intsony hoe: "Nihinana voaloboka marikivy ireo ray aman-dreny,
kanefa ny nifin'ireo zaza no nadilo.' [30]Fa ny olona tsirairay dia ho fatin'ny helony ihany; ny olon-drehetra izay mihinana
voaloboka marikivy, dia hadilo ny nifiny.
[31]Indro, tonga ny andro—izany no fanambaran'i Yaveh—izay hanorenako fanekena vaovao amin'ny ankohonan'i Israely
sy ny ankohonan'i Joda. [32]Tsy ho tahaka ny fanekena izay naoriko tamin'ireo rain'izy ireo tamin'ny andro izay nitantanako
azy ireo mba hamoahana azy ireo tao amin'ny tany Egypta. Ireo no andro izay nandravan'izy ireo ny fanekeko, na dia
vady tamin'izy ireo aza Aho—izany no fanambaran'i Yaveh.
[33]Fa izao no fanekena izay haoriko miaraka amin'ny ankohonan'ny Israely aorian'ireo andro ireo—izany no fanambaran'i
Yaveh: Hametraka ny lalàko ao anatin'izy ireo Aho ary hanoratra izany ao am-pon'izy ireo, fa ho Andriamaniny Aho, ary
ho vahoakako izy ireo. [34]Dia tsy hampianatra ny mpiara-monina aminy intsony ny lehilahy tsirairay, na hampianatra ny
rahalahiny ny lehilahy iray ka hiteny hoe: 'Fantaro Yaveh!' Fa izy rehetra, manomboka amin'ny kely indrindra amin'izy
ireo ka hatramin'ny lehibe indrindra, dia hahafantatra Ahy—izany no fanambaran'i Yaveh—fa hamela ny helok'izy ireo
Aho ary tsy hahatsiaro ny fahotan'izy ireo intsony."
[35]Izao no lazain'i Yaveh—Yaveh, no Ilay mampibaliaka ny masoandro amin'ny andro ary mandamina ny volana sy ireo
kintana hamiratra ny alina. Izy Ilay mampihetsika ny ranomasina mba hierona ny onjan'izany. Yaveh Tompon'ny maro
no anarany. Izao no lazainy: [36]"Raha mba manjavona eto imasoko ireo zavatra maharitra ireo—izany no fanambaran'i
Yaveh—dia hitsahatra mandrakizay tsy ho firenena eo anatrehako ny taranak'Israely."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[37]Izao no lazain'i Yaveh: "Raha mba azo refesina ny lanitra avo indrindra, ary raha mba hita ny fanambanin'ny tany, dia hanary ireo taranak'Israely rehetra noho izay rehetra nataony Aho—izany no fanambaran'i Yaveh."
[38]"Indro, ho avy ny andro—izany no fanambaran'i Yaveh—izay hanamboarana indray ny tanàna ho Ahy, manomboka ao amin'ny Tilikambon'i Hananela ka hatrany amin'ny Vavahady An-jorony. [39]Dia hivoaka hatrany lavitra indray ny tsipika fandrefesana, hatrany amin'ny havoan'i Gareba sy manodidina an'i Goa. [40]Ny lohasahan'ireo faty sy lavenona manontolo, ary ny faritry ny saha rehetra mivoaka mankany amin'ny Lohasahan'i Kidrona ka hatrany lavitra any amin'ireo zoron'ny Vavahadin-tsoavaly any atsinanana, dia ho atokana ho an'i Yaveh. Tsy hongotana ny tanàna na ho ravàna indray, mandrakizay."

32 [1]Tonga tamin'i Jeremia ny teny avy amin'i Yaveh tamin'ny taona fahafolo nanjakan'i Zedekiah mpanjakan'i Joda, ny faha valo ambin'ny folo taona nanjakan'i Nebokadnezara. [2]Tamin'izany fotoana izany, dia nanao fahirano an'i Jerosalema ny tafikin'ny mpanjakan'i Babylona, ary i Jeremia mpaminany dia nogadraina tao amin'ny kianjan'ny fiambenana tao an-tranon'ny mpanjakan'i Joda.
[3]Nogadrain'i Zedekia mpanjakan'i Joda izy ka niteny hoe: "Nahoana ianao no maminany sy miteny hoe: "Yaveh niteny hoe: Indro, andeha homeko ho eo an-tanan'ny mpanjakan'i Babylona ity tanàna ity, ary ho baboiny. [4]Tsy handositra ny tanan'ireo Kaldeana i Zedekia mpanjakan'i Joda, ary azo antoka fa homena ho eo an-tanan'ny mpanjakan'i Babylona izy. Ny vavany dia hiteny amin'ny vavan'ny mpanjaka, ireo masony hahita ny mason'ny mpanjaka. [5]Haka an'i Zedekia ho any Babylona izy, ary hijanona any izy ambara-piraharahako aminy—Izany no fanambaran'i Yaveh. Na hiady hanohitra ireo Kaldeana aza ianareo, dia tsy hahomby ianareo."
[6]Hoy Jeremia: "Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, miteny hoe: [7]'Indro, Hanamela zanaka lahin'i Saloma rahalahin-drainao manatona anao ary miteny hoe: "Vidio ho an'ny tenanao ny sahako any Anatota, fa manan-jo hividy an'izany ianao."'"
[8]Ary, araka ny nambaran'i Yaveh, Hanamela, zanaka lahin'ny dadatoako, nanatona ahy tao amin'ny kianjan'ny fiambenana, araka ny nolazainy tamiko hoe: "Vidio ny sahako izay any Anatota ao amin'ny tanin'i Benjamina, fa anao ny zo handova izany, ary ny zo hividy dia anao. Vidio ho an'ny tenanao izany. 'Ary fantatro fa tenin'i Yaveh izany. [9]Ka novidiko ny saha tao Anatota avy amin'i Hanamela, zanaka lahin'ny dadatoako, nolanjaiko ho azy ny volafotsy, fito ambin'ny folo sekely no lanjany.
[10]Dia nanoratra horonan-taratasy ary nanisy tombo-kase izany aho, ary nanana vavolombelona nijoro vavolombelona ny amin'izany aho. Ary nandanja ny volafotsy amin'ny fandanjana aho. [11]Dia naka ny raharaham-barotra voatombo-kase aho, manaraka ny didy sy ireo lalàna, mbamin'ny raharaha tsy voatombo-kase. [12]Nanome ny horonan-taratasy voatombo-kase an'i Baroka zanaka lahin'i Neria zanaka lahin'i Mahaseia teo anoloan'i Hanamela aho, zanaka lahin'ny dadatoako, sy ireo vavolombelona izay nanoratra ny horonan-taratasy voatombokase, ary teo anoloan'ireo Jiosy izay nipetraka tao an-kianjan'ny fiambenana.
[13]Ka nandidy an'i Baroka teo anatrehan'izy ireo aho. Hoy aho: [14]"Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely no miteny izao: "Alaivo ireo horonan-taratasy ireo, ny rosian'ny varotra izay voatombokase sy ny dika mitovy tsy voatombokase amin'ny raharaham-barotra, ary apetraho anaty siny tanimanga izany mba aharitra fotoana ela. [15]Fa Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, miteny hoe: Ireo trano, ireo saha, ireo tanim-boaloboka dia mbola hovidina indray eto amin'ity tany ity."
[16]Taorian'ny nanomezako an'i Baroka zanaka lahin'i Neria ny rosian'ny varotra, ^dia nivavaka tamin'i Yaveh aho ka niteny hoe: [17]"Loza, ry Tompo Yaveh! Indro! Ianao irery no nanao ny lanitra sy ny tany tamin'ny alalan'ny herinao lehibe sy ny sandrinao nisandratra. Tsy misy zavatra izay teneninao ka sarotra taminao koa ny nanao azy. [18]Nampiseho fanekena mahatoky tamin'ny arivony Ianao ary mamaly ny fahadison'ireo olona tamin'ireo zanany taorian'izy ireo. Ianao no Andriamanitra lehibe sy mahery; Yaveh Tompon'ny maro no anaranao.
[19]Lehibe amin'ny fahendrena Ianao ary mahery amin'ireo asa. Fa misokatra amin'ny lalanan'ny vahoaka rehetra ny masonao, mba hanome ny olona tsirairay izay mendrikan'ny fitondran-tenany sy ny asany. [20]Nanao famantarana sy fahagagana maro tao amin'ny tanin'ny Egypta Ianao. Amin'izao fotoana izao ao Israely ary eo amin'ny olombelona rehetra, dia nampalaza ny anaranao Ianao. [21]Fa nitondra ny Israely vahoakanao hivoaka ny tany Egypta Ianao miaraka amin'ireo famantarana sy fahagagana, miaraka amin'ny tana-mahery, sy miaraka sandry mitsangana, ary miaraka amin'ny fampitahorana lehibe.
[22]Dia nomenao azy ireo ity tany ity—Izay nianianao tamin'ireo razambeny fa homena azy ireo—dia tany tondran-dronono sy tantely. [23]Ka niditra izy ireo ary naka izany ho fananana. Fa tsy nihaino ny feonao izy ireo na niaina tao anatin'ny fankatoavana ny lalànao. Tsy nanao na inona na inona amin'izay nandidinao azy ireo ho atao izy ireo, noho izany dia nitondra loza teo amin'izy ireo Ianao.
[24]Indro! Ireo tovon-tany dia tafiakatra teny amin'ny tanàna hisambotra izany. Fa nohon'ny sabatra, mosary, ary ny areti-mandringana, dia natolotra ho eo an-tanan'ny Kaldeana izay miady aminy ny tanàna. Fa izay noteneninao hitranga dia mitranga, ary indro, mijery ianao. [25]Ary dia hoy ianao tamiko: "Mividiana saha ho an'ny tenanao amin'ny volafotsy ary manàna vavolombelona hijoro vavolombelona ny amin'izany, na dia handeha homena ho eo an-tanan'ireo Kaldeana aza ity tanàna ity.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [27]"'Indro, Izaho no Yaveh, Andriamanitrin'ny olombelona rehetra. Misy zava-tsarotra tsy aiko atao ve? [28]Koa izao no lazain'i Yaveh hoe: "Indro, handeha hanome an'ity tanàna ity ho eo am-pelatanan'ireo Kaldeana sy Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona Aho. Hambabo izany izy.
[29]Ireo Kaldeana izay miady amin'ity tanàna ity dia ho avy ary handrehitra afo amin'ity tanàna ity sy handoro izany. Mbamin'ireo trano eo amin'ny tafo izay hivavahan'ireo vahoaka tamin'i Bala ary nandrarahany fanatitra sotroina ho an'ireo andriamanin-kafa mba iantsiana Ahy. [30]Fa ny vahoakan'Israely sy ny Joda dia vahoaka izay nanao ratsy teo imasoko tokoa hatramin'ny fahatanorany. Fa efa nanafintohina Ahy tamin'ny alalan'ny fanaon'ireo tanany tokoa ny vahoakan'Israely—Izany no fanambaran'i Yaveh.
[31]Nambaran'i Yaveh fa ity tanàna ity hatramin'ny andro nanorenan'izy ireo azy dia fihantsiana ny fahatezerany sy ny fahavinirany. Dia izany ihany izy mandrak'ankehitriny. Noho izany dia hoesoriko tsy ho eo anoloan'ny tavako izany
[32]noho ireo haratsian'ny vahoakan'Israely sy Joda, ireo zavatra nataon'izy ireo hiantsiana Ahy—izy ireo, ireo mpanjakany, andriany, mpisorony, mpaminaniny, sy ireo olona rehetra ao Joda ary ny mponin'i Jerosalema.
[33]Manome lamosina Ahy izy ireo fa tsy mba ny tavany, na dia nampianatra azy ireo tamim-tsitram-po aza Aho. Niezaka nampianatra azy ireo Aho, fa tsy nisy na iray amin'izy ireo aza ka nihaino mba handray fanintsiana. [34]Nametraka ireo sampy mahatsiravina tao an-tranoko izay nantsoina tamin'ny anarako izy ireo, mba handoto izany. [35]Nanorina toerana avo ho an'i Bala tao amin'ny loasahan'i Bena Hinoma izy ireo mba handorana ireo zanany lahy sy zanany vavy ho an'i Molesa. Tsy nandidy azy ireo Aho. Tsy tao an-tsaiko mihintsy hoe hanao izany zavatra maharikoriko izany izy ireo ary dia nampanota an'i Joda.
[36]Koa ankehitriny, Izaho, Yaveh, Andriamanitr'Israely, no milaza izao mahakasika ity tanàna ity, tanàna izay lazainareo hoe: 'Nomena ho eo an-tanan'ny mpanjakan'i Babylona izany tanàna izany amin'ny alalan'ny sabatra, mosary ary areti-mandringana. [37]Indro, hanangona azy ireo any amin'ny tany rehetra izay nandroahako azy ireo tanatin'ny hatezerako, fahavinirako, ary fahatezerana lehibe Aho. Handeha hampiverina azy ireo amin'izany toerana izany Aho ary ahafahan'izy ireo miaina am-pilaminana.
[38]Dia ho oloko izy ireo, ary Izaho ho Andriamaniny [39]Hanome fo iray sy lalana iray mba hanomezam-boninahitra Ahy isan'andro ho azy ireo Aho ka ho tsara ho azy ireo sy ny taranany any aoriany izany. [40]Dia hanao fanekena mandrakizay miaraka amin'izy ireo Aho, izay tsy hanatsaharako ny fanaovako soa azy ireo. Hametraka ny voninahitra izay Ahy ao am-pon'izy ireo Aho, mba tsy hivadika Amiko mandrakizay izy ireo.
[41]Dia hifaly amin'ny fanasoavako azy ireo Aho. Hampitoetra azy ireo ao amin'ity tany ity am-pahatokiana Aho amin'ny foko manontolo sy ny aiko rehetra. [42]Fa Yaveh miteny izao: "Tahaka ny nitondrako izao loza rehetra izao eo amin'ireto vahoaka ireto, dia toy izany koa no hitondrako ny zava-tsoa rehetra amin'izy ireo izay nolazaiko fa ho ataoko amin'izy ireo.
[43]Ary hisy saha hovidiana amin'ity tany ity, izay lazainareo hoe: "Tany simba ity, izay tsy misy na olona na biby. Efa nomena teo an-tanan'ireo Kaldeana ity." [44]Hividy saha amin'ny volafotsy izy ireo ary hanoratra amin'ny horonan-taratasy voatombo-kase. Hamory vavolombelona ao amin'ny tanin'i Benjamina izy ireo, ny manodidina an'i Jerosalema rehetra sy ireo tanànan'i Joda, any amin'ireo tanàna any amin'ny tany havoana sy ireo tany lemaka amorony, ary ao an-tanan'i Negeva. Fa hamerina ireo harenany Aho—Izany no fanambaran'i Yaveh.'"

33 [1]Dia tonga fanindroany tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh, raha mbola voahidy teo amin'ny kianjan'ny mpiambina izy, manao hoe: [2]"'Yaveh ilay Mpahary, milaza izao—Yaveh, izay mandamina mba hampitoetra—Yaveh no Anarany,
[3]'Antsoy Aho, dia ho valiako Ianao. Hampiseho zava-dehibe aminao Aho, zava-miafina izay tsy takatrao.'
[4]Fa Yaveh, Andriamanitry ny Israely, milaza izao mahakasika ny trano eto amin'ity tanàna ity sy ny tranon'ny mpanjakan'ny Joda izay noravana nohon'ny fiakaran'ny fahirano sy ny sabatra,[5]"Avy ireo Kaldeana hiady ary hameno ireo trano amin'ireo fatin'olona izay hovonoiko amin'ny fahatezerana sy ny fahavinirako, rehefa manafina ny tavako amin'ity tanàna ity Aho noho ny faharatsian'izy ireo rehetra.
[6]Nefa indro, hitondra fanasitranana sy fanafany Aho, fa hanasitrana azy ireo Aho ary hitondra be, fiadanana, ary fanekena mahatoky. [7]Fa hamerina ny haren'i Joda sy Israely Aho; hanorina azy ireo toy ny tany am-piandohana Aho. [8]Dia hanadio azy amin'ny heloka rehetra izay nataon'izy ireo tamiko Aho. Hamela ny helony rehetra izay nataony tamiko Aho, ary ny lalana rehetra izay nikomiany hanohitra ahy. [9]Fa ity tanàna ity dia ho tonga zavatra mahafaly ahy, hira fiderana sy voninahitra ho an'ny firenena rehetra eto amin'ny tany izay haheno ny zavatra tsara rehetra izay ho ataoko ho an'izany. Dia hatahotra sy hangovitra izy ireo noho ny zavatra tsara rehetra sy fiadanana izay homeko izany.'
[10]Izao no lazain'i Yaveh, 'Eto amin'ity toerana ity izay lazainao ankehitriny hoe: "Lao izany, toerana izay tsy misy na olona na biby," eny amin'ireo tanànan'i Joda, ary eo amin'ireo lalan'i Jerosalema izay lao tsy misy olona na biby, dia ho re indray
[11]ny feon'ny fifaliana sy ny feon'ny firavoravoana, ny feon'ny mpampakatra sy ny feon'ny ampakarina, ny feon'ireo izay milaza, rehefa mitondra fanatitra fisaorana ao an-tranon'i Yaveh," Misaora an'i Yaveh Tompon'ny maro, fa tsara i Yaveh, ary ny fitiavany tsy mety levona haharitra mandrakizay!" Fa Izaho hamerina ny harenan'ilay tany toy ny teo aloha,' hoy Yaveh
[12]Izao no lazain'i Yaveh Tompon'ny maro hoe: "Eto amin'ity toerana lao ity, izay tsy misy na olona na biby ankehitriny—dia hisy ahitra izay afaka hampitsaharan'ireo mpiandry ondry ny ondry aman'osiny indray eo amin'ny tanànany rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Eo amin'ireo tanàn-dehibe eo amin'ny tany havoana, ireo tany lemaka, ary ny Negeva, eo amin'ny tanin'i Benjamina sy amin'ny manodidina an'i Jerosalema rehetra, ary any amin'ireo tanànan'i Joda, ireo ondry aman'osy dia handalo indray eo ambanin'ny tanan'ireo izay hanisa azy ireo,' hoy Yaveh.
[14]"Indro! Avy ny andro—izao no fanambaran'i Yaveh—izay hanaovako izay nampanatenaiko tamin'ny ankohonan'ny Israely sy ny ankohonan'i Joda. [15]Amin'izany andro sy fotoana izany dia hampaniry rantsana marina ho an'i Davida Aho, ary hanatanteraka ny rariny sy fahamarinana eo amin'ilay tany izy. [16]Amin'izany andro izany dia ho vonjena i Joda, ary i Jerosalema hiaina am-pilaminana, fa izany no hiantsoana azy, "Yaveh no fahamarinantsika."
[17]Fa izao no nolazain'i Yaveh: 'Ny olona avy amin'ny taranak'i Davida dia tsy ho ory zanaka lahy na ovina na ovina hipetraka eo amin'y seza fiadrianan'ny ankohonan'ny Israely, [18]na olona avy amin'ny Levita mpisorona dia tsy ho tsy ampy eo anatrehako mba hanangana fanatitra dorana, handoro fanatitra hohanina, ary hanatanteraka fanatitra vary amin'ny fotoana rehetra.'"
[19]Tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [20]"'Izao no nolazain'i Yaveh: 'Raha mahavita manimba ny fanekena mahatokiko andro aman'alina ianao ka tsy hisy intsony andro na alina amin'ny fotoana iombonan'izy ireo, [21]dia hahavita mandrava ny fanekena mahatokiko tamin'i Davida mpanompoko ianao, ka dia tsy hanana zanaka lahy hipetraka eo amin'ny seza fiandrianany intsony izy, ary ny fanekeko mahatoky tamin'ireo Levita mpisorona, mpanompoko. [22]Toy ireo miaramilan'ny lanitra tsy tambo isaina, sy fasika any amoron-dranomasina tsy azo refesina, no hampitomboakao ny taranak'i Davida mpanompoko ary ireo Levita izay nanompo teo anoloako.
[23]Tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [24]"'Tsy nosaininao ve izay nambaran'io vahoaka io rehefa niteny izy ireo hoe: 'Ireo fianakaviana roa izay nofidian'i Yaveh ireo ankehitriny dia nolaviny izy ireny?' Amin'izany no anaovan'izy ireo tsinotsinona ny oloko, lazain'izy ireo fa tsy firenena eo imasony intsony izy ireo.
[25]Izaho, Yaveh, no milaza izao, 'Raha tsy nanorina ny fanekena mahatoky amin'ny andro sy amin'ny alina Aho, ary raha tsy nametraka lalàna ho an'ny lanitra sy ny tany, [26]dia nandà ny taranak'i Jakoba sy Davida mpanompoko Aho, ary tsy nitondra ho azy ireo olona hanapaka manerana ny taranak'i Abrahama, Isaka, ary Jakoba. Fa hamerina ireo hareny ary haneho famindram-po amin'izy ireo Aho.'"

34 [1]Ilay teny izay tonga tamin'i Jeremia avy amin'i Yaveh, rehefa nanangan'ady tamin'i Jerosalema sy ny tanànany rehetra i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona sy ny tafiny rehetra, niaraka tamin'ireo fanjakan'ny tany rehetra, ireo firenena ambany fahefany, sy ny vahoakan'izy ireo rehetra, nanao hoe: [2]"Yaveh, Andriamanitr'Israely, dia milaza izao: Mandehana ary miresaha amin'i Zedekia mpanjakan'i Joda ary lazao aminy hoe: "Yaveh dia milaza izao: Indro, hanome ity tanàna ity ho eo ampelan-tanan'ny mpanjakan'i Babylona Aho. Ho dorany izany. [3]Tsy ho afaka eo an-tanany ianao, satria ho voasambotra tokoa ianao ary hatolotra eo an-tanany. Hijery ny mason'ny mpanjakan'i Babylona ny masonao; hiresaka mivantana aminao izy raha mankany Babylona ianao.'
[4]Henoy ny tenin'i Yaveh, ry Zedekia mpanjakan'i Joda! Yaveh dia milaza izao mahakasika anao: 'Tsy ho faty amin'ny sabatra ianao. [5]Ho faty am-piadanana ianao. Toy ny fandoroana tamin'ny fandevenana an'ireo razambenao, ireo mpanjaka talohanao, dia ho doran'izy ireo ny vatanao. Hiteny izy ireo hoe: "Loza, ry tompoko!" Hisaona anao izy ireo. Ankehitriny efa niteny Aho—izany no fanambaran'i Yaveh."
[6]Koa nambaran'i Jeremia mpaminany tamin'i Zedekia mpanjakan'i Joda tany Jerosalema ireo teny rehetra ireo. [7]Niady tamin'i Jerosalema sy ireo tanàna sisan'i Joda ny tafiky ny mpanjakan'i Babylona: Lakisy sy Azeka. Ireo tanànan'i Joda ireo dia nitoetra ho tanàna mimanda.
[8]Ny teny izay tonga tamin'i Jeremia avy tamin'i Yaveh taorian'ny nanaovan'i Zedekia mpanjaka fanekena tamin'ny olona rehetra tao Jerosalema, mba hanambara fahafahana amin'izy ireo [9]fa ny olona tsirairay dia tsy maintsy manafaka ireo andevony Hebreo, na lahy na vavy, mba tsy hisy hanandevo ny Jiosy, izay rahalahiny.
[10]Noho izany ireo mpitarika rehetra sy ny olona dia niditra tamin'ilay fanekana fa ny olona tsirairay avy dia hanafaka ny andevony lahy sy ny andevony vavy mba tsy ho handevozina intsony izy ireo. Nankatoa izy ireo ary nanafaka azy ireo.
[11]Fa taorian'ity dia niova ny eritreritr'izy ireo. Naverin'izy ireo ny andevo izay nafahan'izy ireo. Noteren'izy ireo ho lasa andevo indray izy ireo
[12]Koa dia tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [13]"'Yaveh, Andriamanitr'Israely, dia milaza izao: 'Izaho dia nanao fanekena tamin'ireo razambenareo tamin'ny andro izay nitondrako azy ireo hivoaka ny tany Egypta, hivoaka ny tranon'ny fanandevozana. Izany dia tamin'Izaho niteny hoe: [14]"'Isakin'ny faran'ny fito taona ny olona tsirairay, dia tsy maintsy mandefa ny rahalahiny, ny Hebreo namany izay nivarotra ny tenany taminao sy nanompo anao nandritry ny enin-taona. Avelao andeha an-kalalahana izy." Fa ireo razambenareo dia tsy nihaino Ahy na nanongilan-tsofina tamiko.
[15]Ankehitriny ianareo nibebaka ary nanomboka nanao izay marina teo imasoko. Nanambara fahafahana ianareo, ny olona tsirairay avy tamin'ny mpiara-belona taminy, ary nanao fanekena teo anoloako tao amin'ny trano izay antsoina amin'ny anarako ianareo. [16]Fa avy eo ianareo nivadika ary nandoto ny anarako; nataoanareo izay hamerenan'ny olona tsirairay ny andevony lahy sy vavy, ireo izay nalefanareo handeha any amin'izay nirian'izy ireo. Noterenareo ho lasa andevonareo indray izy ireo.'
[17]Noho izany Yaveh dia milaza izao: 'Ianareo tenanareo dia tsy nihaino Ahy. Tokony nanambara fahafahana tamin'ireo rahalahinareo sy ireo Israelita namanareo ianareo, ny tsirairay avy aminareo. Koa indro! Hanambara fahafahana

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

aminareo Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—fahafahana amin'ny sabatra, ny areti-mandringana, sy ny mosary, satria hahatonga anareo ho zavatra mahatsiravina eo imason'ny fanjakana rehetra eto an-tany Aho. [18]Avy eo dia hifampiraharaha amin'ny olona izay nandrava ny fanekeko Aho, izay tsy nitandrina ireo tenin'ny fanekena izay napetraka teo anoloako rehefa nizara ombilahy ho roa izy ireo ary nandeha teo anelanelan'izany, [19]ary avy eo ireo mpitarikan'i Joda sy Jerosalema, ireo tandapa sy mpisorona, ary ny olona rehetra tao amin'ilay tany dia nandeha teo anelanelan'ilay ombilahy efa voatetika.
[20]Ho atolotro eo an-tanan'ireo fahavalony izy ireo sy ho eo an-tanan'ireo izay mifofo ny ain'izy ireo. Ho sakafo ho an'ny voron'ny habakabaka sy ireo bibidian'ny tany ny vatan'izy ireo. [21]Noho izany dia ho atolotro eo an-tanan'ireo fahavalony sy eo en-tanan'ireo izay nikatsaka ny ain'izy ireo, sy eo an-tanan'ny tafikin'ny mpanjakan'i Babylona izay nitsangana hanohitra anareo i Zedekia mpanjakan'i Joda sy ireo mpitariny. [22]Indro, handefa baiko Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—ary hamerina azy ireo amin'ity tanàna ity mba hanangana ady hanohitra izany sy haka izany, ary mba handoro izany. Fa Izaho dia hamadika ireo tanànan'i Joda ho toerana rava izay tsy hisy mponina.'"

35 [1]Tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh tamin'ny andron'i Joiakima zanaka lahin'i Josia mpanjakan'i Joda, nanao hoe:
[2]"Mandehana any amin'ny fianakavian'ireo Rekabita ary miresaha amin'izy ireo. Avy eo ento ho aty amin'ny tranoko izy ireo, ao amin'ny iray amin'ireo efitra ao, ary omeo divay ho sotroina izy ireo."
[3]Koa nalaiko Jazania zanaka lahin'i Jeremia zanaka lahin'i Habazinia sy ireo rahalahiny, ny zanany lahy rehetra, ary ny fianakavian'ireo Rekabita. [4]Nentiko tao amin'ny tranon'i Yaveh izy ireo, tao amin'ny efitr'ireo zanaka lahin'i Hanana zanaka lahin'i Jigdalia, ilay lehilahin'Andriamanitra. Ireo efitra ireo dia teo anilan'ny efitr'ireo mpitarika, izay ambonin'ny efitr'i Mahaseia zanaka lahin'i Saloma, ilay mpiandry vavahady.
[5]Ary napetrako teo anoloan'ireo Rekabita ireo siny sy kapoaka ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Misotroa divay." [6]Saingy hoy izy ireo hoe: "Tsy hisotro divay izahay, satria ny razambenay, i Jonadaba zanaka lahin'i Rekaba, no nandidy anay hoe: "Aza misotro divay mandrakizay, na ianareo na ny taranakareo. [7]Aza manangana trano, mamafy voa, na mamboly tanim-boaloboka ihany koa; tsy ho anareo izany. Fa ianareo dia tsy maintsy hipetraka anaty lay mandritry ny andronareo rehetra, mba hipetrahanareo ela eo amin'ilay tany izay itoeranareo toy ny vahiny.'
[8]Efa nankatoa ny tenin'i Jonadaba zanaka lahin'i Rekaba, razambenay izahay, tamin'izay rehetra nandidiany anay, mba tsy hisotro divay mandritra ny androm-piainanay manontolo, izahay, ireo vadinay, ireo zanakay lahy, ary ireo zanakay vavy. [9]Tsy hanangana trano hipetrahana mihintsy izahay, ary tsy hisy tanim-boaloboka, saha, na voa ho fananananay. [10]Efa niaina tanaty lay izahay ary efa nankatoa sy nahavita izay rehetra nandidian'i Jonabada razambenay. [11]Saingy rehefa nanafika ilay tany i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona, dia hoy izahay hoe: 'Avia, tsy maintsy ho any Jerosalema isika mba handositra ireo tafiky ny Kaldeana sy Syriana.' Koa nipetraka tao Jerosalema izahay."
[12]Avy eo dia tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [13]"'Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia milaza izao: 'Mandehana ary lazao ireo lehilahin'i Joda sy ireo mponin'i Jerosalema hoe: "Tsy handray fanitsiana sy hihaino ireo teniko ve ianareo? —izany no fanambaran'i Yaveh. [14]Ireo tenin'i Jonadaba zanaka lahin'i Rekaba izay nomeny ny zanany lahy ho didy, tsy hisotro divay, dia hita hatramin'izao andro izao. Nankatoa ny didin'ny razambeny izy ireo. Fa raha ny amiko, izaho tenako dia efa nanao fanambarana mandrakariva taminareo, saingy tsy mihaino ahy ianareo.
[15]Naniraka ireo mpanompoko rehetra, ireo mpaminany taminareo Aho. Entitra Aho tamin'ny fandefasana azy ireo hiteny hoe: 'Aoka ny olona tsirairay hiala amin'ny fomba ratsiny ka hanao ny asa tsara; aoka tsy hisy hanaraka andriamanitra hafa ary hanompo azy ireo intsony. Fa miverena kosa any amin'ilay tany izay nomeko anareo sy ny razambenareo.' Na izany aza mbola tsy hihaino ahy na hifantoka amiko ianareo. [16]Nefa ireo taranak'i Jonadaba zanaka lahin'i Rekaba dia efa nintandrina ireo didin'ireo razamben'izy ireo izay nomeny azy ireo, saingy mandà ny hihaino Ahy ireo vahoaka ireo.'"
[17]Koa niteny izao Yaveh, Andriamanitra Tompon'ny maro sy Andriamanitr'Israely hoe: 'Indro, entiko eo amin'i Joda sy ny olona rehetra miaina ao Jerosalema ireo loza rehetra notononiko satria niresaka tamin'izy ireo Aho, saingy tsy nihaino izy ireo; niantso azy ireo Aho, saingy tsy namaly izy ireo.'"
[18]Hoy Jeremia tamin'ny taranak'ireo Rekabita hoe: "Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia mialaza izao: Nihaino ireo didin'i Jonadaba razambenareo ianareo ary nitandrina azy rehetra—nankatoa izay rehetra nandidiany ho ataonareo ianareo— [19]ka Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia milaza izao: 'Tsy maintsy hisy olona avy amin'ny taranak'i Jonadaba zanaka lahin'i Rekaba hanompo Ahy mandrakariva.'"

36 [1]Ary tamin'ny taona fahefatra nanjakan'i Joiakima zanaka lahin'i Josia mpanjakan'i Joda, no nahatongavan'izao teny avy tamin'i Yaveh izao tamin'i Jeremia, ary hoy Izy: [2]"'Mangalà horonan-taratasy iray ho anao ary soraty ao amin'izany ny teny rehetra izay efa nolazaiko anao mahakasika an'Israely sy Joda, ary ny firenena rehetra. Ataovy izany ho an'ny zava-drehetra efa nolazaiko nanomboka tamin'ny andron'i Josia ka hatramin'ity andro ity. [3]Angamba hihaino ny loza rehetra izay kasaiko entina eo amin'izy ireo ny mponin'i Joda. Angamba hivily amin'ny lalan-dratsiny ihany ny olona rehetra, ka dia afaka hamela ny helony sy ny fahotan'izy ireo Aho."
[4]Ary niantso an'i Baroka zanakalahin'i Neria I Jeremia, ary nosoratan'i Baroka tao anaty horonan-taratsy ny teny rehetra izay nolazain"i Yaveh tamin'i Jeremia. [5]Avy eo dia nanome baiko an'i Baroka i Jeremia. Hoy izy: "Ato an-tranomaizina aho

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ary tsy afaka mankany an-tranon'Andriamanitra. [6]Koa tsy maintsy mandeha ianao ary hamaky ny teny izay notononiko ary nosoratanao tao anaty horonan-taratasy. Amin'ny andron'ny fifadian-kanina, dia tsy maintsy vakianao eo an-tsofin'ny vahoaka ao an-tranony ny tenin'i Yaveh, ary eo an-tsofin'ny Joda rehetra izay avy amin'ny tanànany ihany koa. Ambarao azy ireo ireo teny ireo.
[7]Angamba ho tonga eo anatrehan'i Yaveh ihany ny fitalahoan'izy ireo famindram-po. Angamba hiala amin'ny lalan-dratsiny ihany ny olona tsirairay, satria mafy ny fahatezerana sy ny fahavinirana izay efa nambaran'i Yaveh tamin'ireo vahoakany ireo." [8]Koa dia nataon'i Baroka zanaka lahin'i Neria izay rehetra nandidian'i Jeremia mpaminany hatao. Novakiany mafy tao an-tranon'i Yaveh ireo tenin'i Yaveh.
[9]Ary tamin'ny volana fahasivin'ny taona fahadimy nanjakan'i Joiakima zanaka lahin'i Josia, mpanjakan'i Joda, no nanambaran'ny vahoaka rehetra tao Jerosalema sy ireo olona izay tonga tao Jerosalema avy any amin'ireo tanànan'i Joda ny fifadian-kanina ho voninahitr'i Yaveh. [10]Novakian'i Baroka mafy tao an-tranon'i Yaveh ny tenin'i Jeremia, avy eo amin'ny efitranon'i Gemaria zanaka lahin'i Safana mpanora-dalàna, tao ambonin'ny kianja, akaikin'ny vavahady fidirana ny tranon'i Yaveh. Nataony teo an-tsofin'ny vahoaka rehetra izany.
[11]Ary ren'i Mikaia zanaka lahin'i Gemaria zanaka lahin'i Safana ny tenin'i Yaveh rehetra tao amin'ny horonan-taratasy.
[12]Nidina tany an-tranon'ny mpanjaka izy, tao amin'ny efitrin'ny mpitan-tsoratra. Indreo, fa nipetraka teo avokoa ny manam-pahefana rehetra: Elisama mpitan-tsoratra, Delaia zanaka lahin'i Semaia, Elnatana zanaka lahin'i Akbora, Gemaria zanaka lahin'i Safana, sy Zedekia zanaka lahin'i Hanania, ary ny manam-pahefana rehetra.
[13]Ary notaterin'i Mikaia tamin'izy ireo ny teny rehetra izay reny izay novakian'i Baroka mafy teo an-tsofin'ny vahoaka.
[14]Ary nalefan'ireo manam-pahefana rehetra ho any amin'ny Baroka i Jehody zanaka lahin'i Netanaia zanaka lahin'i Selemia zanaka lahin'i Kosa. Hoy i Jehody tamin'i Baroka hoe: "Raiso eo an-tananao ny horonan-taratasy, dia ilay horonan-taratasy izay novakiana teo an-tsofin'ny vahoaka, ary avia." Ary Baroka zanaka lahin'i Neria nandray ny horonan-taratasy teny an-tananany ary nandeha tany amin'ireo manam-pahefana. [15]Ary hoy izy ireo taminy: "Mipetraha ary vakio eto an-tsofinay ity." Ka dia novakian'i Baroka ny horonan-taratasy.
[16]Ary rehefa nandre ireo teny rehetra ireo izy ireo, dia nifampijery matahotra tamin'izay teo akaikiny ny olona tsirairay ka nanao tamin'i Baroka hoe: "Tsy maintsy tanterintsika amin'ny mpanjaka tokoa ireo teny rehetra ireo." [17]Avy eo dia nanontanian'izy ireo Baroka hoe: "Lazao anay, tamin'ny fomba ahoana no nanoratanao ireo teny izay notononin'i Jeremia rehetra ireo?" [18]Baroka nanao tamin'izy ireo hoe: "Notononiny tamiko ireo teny rehetra ireo, ary nosoratako tamin'ny ranomainty teo amin'ny horonan-taratasy." [19]Ary hoy ireo manam-pahefana tamin'i Baroka: "Mandehana, miafena ianao, ary i Jeremia koa. Aoka tsy hisy olona ahafantatra ny misy anareo."
[20]Koa dia napetrak'izy ireo tao amin'ny efitr'i Eliasama mpitan-tsoratra ny horonan-taratasy, ary nandeha tany amin'ny mpanjaka teo an-kianja izy ireo, ka notanterin'izy ireo teo an-tsofin'ny mpanjaka ny zavatra rehetra. [21]Ary nirahin'ny mpanjaka haka ny horonan-taratasy i Jehody. Nalain'i Jehody tao amin'ny efitr'i Eliasama mpitan-tsoratra izany. Avy eo dia novakiany teo an-tsofin'ny mpanjaka sy ireo manam-pahefana rehetra izay nitsangana teo anilany izany. [22]Nipetraka tao amin'ny tranon-dririnina ny mpanjaka tamin'ny volana faha sivy, ary nisy fatana nirehitra teo anoloany.
[23]Ary rehefa namaky tsanganana telo na efatra i Jehody, dia notapahin'ny mpanjaka tamin'ny antsy izany ka natsipiny tao anaty afo tao am-patana mandra-pahalevon'ny horonan-taratasy rehetra. [24]Nefa tsy nampitahotra na ny mpanjaka na ireo mpanompony izay nandre ireo teny rehetra ireo, na nandrovitra ny ankanjony izy ireo.
[25]Nandrara ny mpanjaka mba tsy handoro ny horonan-taratasy i Elnatana, Delaia, ary Gemaria, fa tsy nihaino azy ireo izy.
[26]Ary ny mpanjaka nandidy an'i Jeremela havany, Seraia zanaka lahin'i Azriela, ary Selemia zanaka lahin'i Abdela mba hisambotra an'i Baroka mpanora-dalàna, sy i Jeremia mpaminany, nefa nafenin'i Yaveh izy ireo.
[27]Ary tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh taorian'ny nandoran'ny mpanjaka ny horonan-taratasy sy ireo teny izay nosoratan'i Baroka tamin'ny fanononan'i Jeremia, manao hoe: [28]"Miverena, mangalà horonan-taratasy iray hafa ho anao, ary soraty ao amin'izany ny teny rehetra izay tao amin'ilay horonan-taratasy voalohany, dia ilay efa nodoran'i Joiakima mpanjakan'i Joda. [29]Ary tsy maintsy lazainao amin'i Joiakima mpanjakan'i Joda izao: "Nodoranao ity taratasy ity, izay milaza hoe: 'Nahoana ianao no nanoratra teo amin'izany, 'Ho avy tokoa ny mpanjakan'i Babylona ka handrava ity tany ity, fa haringany na ny olona na ny biby ao amin'izany'?'"
[30]Noho izany dia izao no lazain'i Yaveh ny mahakasika anao, ry Joiakima mpanjakan'i Joda: "Tsy hisy intsony amin'ireo taranakao hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'i Davida. Raha ny aminao, ny fatinao dia hariana eny amin'ny hain'andro sy eny amin'ny fanalan'ny alina. [31]Fa ho faiziko ianao, ny taranakao, ary ireo mpanomponao nohon'ny helokareo rehetra. Ho entiko eo aminao, eo amin'ny mponin'i Jerosalema rehetra, ary eo amin'ny olon'i Joda rehetra ny loza rehetra izay efa nandrahonako anareo, nefa tsy notandremanareo akory."
[32]Ka naka horonan-taratasy hafa i Jeremia ary nomeny an'i Baroka zanaka lahin'i Neria mpanora-dalàna izany. Nosoratan'i Baroka tamin'izany ny teny rehetra izay tao amin'ny horonan-taratasy nodoran'i Joiakima mpanjakan'i Joda tamin'ny fanononan'i Jeremia. Ary mbola nampiana teny maro hafa mitovitovy tamin'ity horonan-taratasy ity.

37 [1]Ary i Zedekia zanaka lahin'i Josia dia nanjaka tamin'ny toeran'i Jekonia zanak'i Joiakima. Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona no nanao an'i Zedekia ho mpanjaka teo amin'ny tanin'i Joda. [2]Fa i Zedekia, ireo mpanompony, sy ny vahoakan'ny tany dia tsy nihaino ireo tenin'i Yaveh izay nambarany tamin'ny alalan'ny tanan'i Jeremia mpaminany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Ary Zedekia mpanjaka, Jehokala zanak'i Selemia, ary Zefania zanak'i Mahaseia mpisorona dia nandefa hafatra ho an'i Jeremia mpaminany. Hoy izy ireo: "Mivavaha amin'i Yaveh Andriamanitsika ho antsika." [4]Ary tonga i Jeremia ary nankeo amin'ny vahoaka, satria mbola tsy natao an-tranomaizina izy. [5]Tonga avy tany Egypta ny tafik'i Farao, ary ny Kaldeana izay nanao fahirano an'i Jerosalema dia nahare ny vaovao momba azy ireo ka niala tao Jerosalema.
[6]Dia tonga tamin'i Jeremia mpaminany ny Tenin'i Yaveh, manao hoe: [7]"Yaveh, Andriamanitr'Israely, milaza izao: Izao no ho lazainareo amin'ny mpanjakan'i Joda, satria nandefa anareo haka hevitra Amiko Izy, 'Indro, fa efa an-dalana hiverina ho any Egypt, izay taniny ny tafik'i Farao, izay tonga hanampy anao. [8]Ary hiverina ny Kaldeana. Hiady hanohitra ity tanàna ity izy ireo, hisambotra, sy handoro izany.
[9]Hoy Yaveh hoe: "Aza mamitaka ny tenanareo amin'ny filazana hoe:' Efa nandao anay tokoa ireo Kaldeana,' fa tsy handao izy ireo. [10]Na dia efa naharesy ireo tafiky ny Kaldeana manontolo izay niady taminareo aza ianareo mba ho ireo lehilahiny maratra ihany no havela ao amin'ireo lainy, fa hiarina izy ireo ary handoro ity tanàna ity."
[11]Ka tamin'ny nandaozan'ny tafikin'ny Kaldeana an'i Jerosalema no nahatongavan'ny tafik'i Farao, [12]dia nivoaka tao Jerosalema i Jeremia mba ho any amin'ny tanin'i Benjamina. Fa nikasa ny haka ny ampahany amin'ilay tany teo amin'ny vahoakany tao izy. [13]Raha teo amin'ny Vavahadin'i Benjamina izy, dia teo ny lehiben'ny mpiambina. Jiria zanak'i Selemia zanak'i Hanania no anarany. Nihazona an'i Jeremia mpaminany izy ka nanao hoe: "Mandositra ireo Kaldeana ianao."
[14]Nefa hoy Jeremia: "Tsy marina izany. Tsy mandositra ireo Kaldeana aho." Fa tsy nihaino azy i Jiria. Nalainy i Jeremia ary nentiny teo amin'ireo manam-pahefana. [15]Tezitra tamin'i Jeremia ireo manam-pahefana. Novelesin'izy ireo izy ary nampidiriny tao an-tranomaizina, izay tranon'i Jonatana mpanora-dalàna, satria navadik'izy ireo ho tranomaizina izany.
[16]Ka natao tao amin'efitra ambanin'ny tany i Jeremia, izay nijanonany andro maromaro. [17]Ary nandefa olona hitondra azy ao an-dapa i Zedekia mpanjaka. Nanontany azy mangingina ny mpanjaka tao an-tranony hoe: "Misy teny avy amin'i Yaveh ve?" Namaly i Jeremia hoe: "Misy teny: ho atolotra eo an-tanan'ny mpanjakan'ny Babilona ianao."
[18]Dia hoy i Jeremia tamin'i Zedekia Mpanjaka: "Ahoana no nanotako taminao, ireo mpanomponao, na ity vahoaka ity ka dia nametrahanao ahy tany an-tranomaizina? [19]Aiza ireo mpaminaninareo, ireo izay naminany ho anao sy nilaza fa tsy ho avy hanohitra anao na ity tany ity ny mpanjakan'i Babilona? [20]Fa ankehitriny mihainoa, ry mpanjaka tompoko! Aoka ho tonga eo anatrehanao ny fitalahoako. Aza averina any an-tranon'i Jonatana mpanora-dalàna aho, fa ho faty any aho."
[21]Ka nanome baiko i Zedekia Mpanjaka. Notanan'ireo mpanompony teo amin'ny kianjan'ny mpiambina i Jeremia. Nomena mofo isan'andro avy eo amin'ny lalan'ireo mpanao mofo izy, mandra-pahalanin'ny mofo rehetra teo an-tanàna. Ka dia nitoetra teo an-kianjan'ny mpiambina i Jeremia.

38 [1]Nandre ny teny izay nambaran'i Jeremia tamin'ny vahoaka rehetra i Safatia zanak'i Matana, sy Gedalia zanak'i Pasora, sy Jokala zanak'i Semelia, ary i Pasora zanak'i Malkia. Izy dia nilaza hoe: [2]"Yaveh nilaza izao: Izay rehetra mitoetra amin'ity tanàna ity dia ho fatin'ny sabatra, mosary, ary areti-mandringana. Fa izay rehetra mandeha mankany amin'ireo Kaldeana dia ho velona. Hanavotra ny ainy izy, ary ho velona. [3]Izao no lazain'Yaveh: Ity tanàna ity dia ho atolotra eo an-tanan'ny tafikin'ny mpanjakan'i Babylona, ary hisambotra izany izy."
[4]Koa hoy ireo manam-pahefana tamin'ny mpanjaka: "Aoka ho faty ity lehilahy ity, fa tamin'izany fomba izany no nanalefahany ny tanan'ireo lehilahy mpiady tavela ato amin'ity tanàna ity, ary ny tanan'ny vahoaka rehetra. Manambara ireto teny ireto izy, fa tsy niasa hiaro ny vahoakany ity lehilahy ity, fa ho an'ny loza." [5]Ka hoy i Zedekia Mpanjaka: "Indro, eo an-tananao izy satria tsy misy mpanjaka afaka manohitra anao."
[6]Ary nalain'izy ireo i Jeremia ka natsipiny tao amin'ny famorian-dranon'i Malkia, zanaky lahin'ny mpanjaka. Tao ankianjan'ny mpiambina ilay famorian-drano. Nampidinin'izy ireo tamin'ny tady i Jeremia. Tsy nisy rano tao amin'ny famorian-drano, fa namotaka izany, ka niletika tao amin'ny fotaka izy.
[7]Ary Ebeda-Meleka Kosita dia iray tamin'ireo tandapa tao amin'ny tranon'ny mpanjaka. Henony fa nataon'izy ireo tao anaty famorian-drano i Jeremia. Ary nipetraka teo amin'ny Vavahadin'i Benjamina ny mpanjaka. [8]Koa nandeha avy tao amin'ny tranon'ny mpanjaka i Ebeda-Meleka ary niresaka taminy. Hoy izy: [9]"Ry mpanjaka tompoko, ireto lehilahy ireto dia efa nanao ratsy tamin'ny fomba nitondrany an'i Jeremia mpaminany. Natsipin'izy ireo tao anaty famorian-drano izy mba ho fatin'ny hanoanana ao, satria tsy misy sakafo intsony ao amin'ny tanàna."
[10]Dia nanome baiko an'i Ebeda-Meleka Etiopiana ny mpanjaka. Hoy izy: "Mitondrà lehilahy telopolo avy eto ary avohay avy tao amin'ny famorian-drano i Jeremia alohan'ny hahafatesany." [11]Koa nitondra ireo lehilahy ireo izy ary nankany amin'ny tranon'ny mpanjaka, tany amin'ny trano fitehirizana akanjo tao ambanin'ny trano. Tao izy no naka lamba rovitra sy vorodamba ary nampidina azy ireo tamin'ny tady nankao amin'i Jeremia tao amin'ny famorian-drano.
[12]Hoy i Ebeda-Meleka Kosita tamin'i Jeremia: "Ataovy eo ambanin'ny sandrinao sy eo amin'ny lohan'ny tady ny lamba rovitra sy ny vordamba." Ka nataon'i Jeremia izany. [13]Dia nosintomin'izy ireo tamin'ny tady i Jeremia. Izany no fomba namoahan'izy ireo azy tao amin'ny famorian-drano. Ka nijanona teo teo amin'ny tokotanin'ny mpiambina i Jeremia.
[14]Nandefa teny i Zedekia Mpanjaka ary nitondra an'i Jeremia mpaminany nankany aminy, ho any amin'ny fidirana fahatelo ao amin'ny tranon'i Yaveh. Hoy ny mpanjaka tamin'i Jeremia: "Te hanontany zavatra anao aho. Aza afenina ahy ny valiny." [15]Hoy i Jeremia tamin'i Zedekia: "Raha mamaly anao aho, dia tsy hamono ahy tokoa ve ianao? Kanefa raha manome torohevitra anao aho, dia tsy hihaino ahy ianao." [16]Saingy nianiana manokana tamin'i Jeremia ny mpanjaka ary

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

niteny hoe: "Raha mbola velona koa i Yaveh, ilay nahary antsika, dia tsy hamono anao aho na hanolotra anao eo an-tanan'ireo lehilahy izay mifofo ny ainao ireo."
[17]Ka hoy i Jeremia tamin'i Zedekia: "Yaveh, Andriamanitra tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely nilaza izao: "Raha miala amin'ireo manam-pahefan'ny mpanjakan'i Babylona ianao dia ho velona, ary tsy ho may ity tanàna ity. Ho velona ianao sy ny ankohonanao. [18]Fa raha tsy miala amin'ireo manam-pahefan'ny mpanjakan'i Babylona ianao, dia ho atolotra eo an-tanan'ireo Kaldeana ity tanàna ity. Ho doran'izy ireo izany, ary tsy ho afa-mandositra eo an-tanan'izy ireo ianao."
[19]Hoy i Zedekia Mpanjaka tamin'i Jeremia: "Kanefa matahotra ny vahoakan'i Joda izay nitsoaka nankany amin'ireo Kaldeana aho, satria mety ho atolotra eo an-tanan'izy ireo aho mba ho viravirain'izy ireo."
[20]Hoy i Jeremia: "Izy ireo dia tsy hanolotra anao eo amin'izy ireo. Ankatoavy ny hafatr'i Yaveh izay lazaiko anao, mba handeha tsara ny zava-drehetra ho anao, ary mba ho velona ianao. [21]Fa raha mandà ny hiala ianao, dia izao no efa nasehon'i Yaveh tamiko.
[22]Indro! Ny vehivavy rehetra izay tavela ao an-tranonao, ry mpanjakan'i Joda, dia ho entina hiala amin'ireo manam-pahefan'ny mpanjakan'i Babylona. Hiteny aminao ireo vehivavy ireo hoe: 'Voafitak'ireo namanao ianao; efa nanimba anao izy ireo. Ankehitriny dia milentika anaty fotaka ny tongotrao, ary ireo namanao dia hitsoak.' [23]Fa ho entina hiala eo amin'ireo Kaldeana ny vady aman-janakao rehetra, ary ny tenanao dia tsy ho afaka hitsoaka eny an-tanan'izy ireo. Ho voasambotry ny tanan'ny mpanjakan'i Babylona ianao, ary ity tanàna ity dia ho may."
[24]Dia hoy i Zedekia tamin'i Jeremia: "Aza ampahafantarina an'iza na iza ny mahakasika ireo teny ireo, mba tsy ho faty ianao." [25]Raha henon'ny manam-pahefana fa niresaka taminao aho, ary raha tonga izy ireo ka milaza aminao hoe: 'Lazao aminay izay nolazainao tamin'ny mpanjaka, ary aza afenina anay izany, raha tsy izany dia ho vonoinay ianao', [26]dia tsy maintsy hiteny azy ireo ianao hoe: 'Nanao fangatahana teo anatrehan'ny mpanjaka aho mba tsy hamerenany ahy any an-tranon'i Jonatana ka ho faty any.'"
[27]Dia tonga teo amin'i Jeremia ireo manam-pahefana rehetra ary nanontany azy, ka namaly azy ireo araka izay natoron'ny mpanjaka azy izy. Ka nijanona niresaka taminy izy ireo, satria tsy nahare ny resak'i Jeremia sy ny mpanjaka.
[28]Noho izany dia nijanona teo ankianjan'ny mpiambina i Jeremia nandra-pahatongan'ny andro nisamborana an'i Jerosalema.

39 [1]Tamin'ny taona fahasivy sy volana fahafolo nanjakan'i Zedekia mpanjakan'i Joda, dia tonga niaraka tamin'ny tafiny rehetra i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona hanohitra an'i Jerosalema ka hanao fahirano izany. [2]Tamin'ny taona fahiraika ambin'ny folo sy volana fahefatra nanjakan'i Zedekia, tamin'ny andro fahasivin'ny volana, dia voatafika ny tanàna. [3]Dia tonga ka nipetraka teo afovoan'ny vavahady ny manam-pahefan'ny mpanjakan'i Babylona rehetra: Nergala-Sarezera, Samgarnebo, ary Sarsekima, manam-pahefana lehibe iray. I Nergala-Sarezera dia manam-pahefana ambony ary ireo ambiny rehetra dia manam-pahefan'ny mpanjakan'i Babylona.
[4]Ary rehefa nahita azy ireo Zedekia, mpanjakan'i Joda, sy ireo lehilahy mpiadiny rehetra, dia nandositra. Nivoaka ny tanàna avy teo amin'ny lalan-kelin'ny zaridaina izy ireo ny alina, teo amin'ny vavahady anelanelan'ireo manda roa. Nivoaka nizotra nankany Araba ny mpanjaka. [5]Saingy nanenjika azy ireo ny tafika Kaldeana ary nahatratra an'i Zedekia teo amin'ny lemaky ny lohasahan'ny Reniranon'i Jordana teo akaikin'i Jeriko. Dia nosamborin'izy ireo izy ka nentiny niakatra tany amin'i Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona, tao Ribla tany amin'ny tanin'i Hamata, izay nanomezan'i Nebokadnezara sazy azy.
[6]Novonoin'ny mpanjakan'i Babylona tany Ribla teo imasony mihitsy ireo zanaka lahin'i Zedekia. Novonoiny ihany koa ireo olona ambonin'i Joda rehetra. [7]Dia noloarany ny mason'i Zedekia ary nofatorany gadra varahina mba hitondrany azy any Babylona.
[8]Dia nodoran'ireo Kaldeana ny tranon'ny mpanjaka sy ny tranon'ny vahoaka. Nazeran'izy ireo ihany koa ny mandan'i Jerosalema. [9]Nebozaradana, mpifehin'ireo mpiambina manokan'ny mpanjaka, nanao an-tsesintany ny vahoaka sisa izay tavela tao an-tanàna. Tao anatin'izany ireo olona izay vaky nankany amin'ireo Kaldeana sy ny vahoaka sisa izay tavela tao an-tanàna. [10]Fa navelan'i Nebozaradana mpifehin'ireo mpiambina manokan'ny mpanjaka hijanona ao amin'ny tanin'i Joda kosa ireo olona mahantra indrindra tsy nanana na inona na inona ho azy ireo. Nomeny tanim-boaloboka sy saha tamin'io andro io ihany izy ireo.
[11]Nanome baiko momba an'i Jeremia tamin'i Nebozaradana mpifehin'ireo mpiambina manokan'ny mpanjaka i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona. Hoy izy hoe: [12]"Ento izy ary karakarao. Aza manisy ratsy azy. Ataovy aminy izay rehetra lazainy aminao." [13]Koa nandefa olona i Nebozaradana mpifehin'ireo mpiambina manokan'ny mpanjaka, Nebosazbana ionoka ambony, Negarala-Sarezera manam-pahefana ambony, ary ireo manam-pahefan'ny mpanjakan'ny Babylona ambony indrindra. [14]Nentin'ireo lehilahiny niala avy teo amin'ny tokotanin'ny mpiambina i Jeremia ary nankinin'izy ireo tamin'i Gedalia zanak'i Ahikama zanak'i Safana, mba hitondra azy hody, koa dia nitoetra teo amin'ny vahoaka i Jeremia.
[15]Ary tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh teo am-pisamborana azy teo an-tokotanin'ny mpiambina, nanao hoe:
[16]"Miresaha amin'i Ebeda-Meleka Kosita ary ataovy hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely: Indro, efa hanatanteraka ny teniko nanohitra ity tanàna ity ho amin'ny loza fa tsy ho amin'ny soa Aho. Fa ho tanteraka eo anoloanareo avokoa ireo amin'izany andro izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Fa hamonjy anao Aho amin'izany andro izany—izany no fanambaran'i Yaveh—ary tsy ho atolotra eo an-tanan'ny olona izay atahoranao ianao. [18]Fa hanavotra anao tokoa Aho. Tsy ho lavon-tsabatra ianao. Hanavotra ny ainao ianao, satria matoky Ahy—izany no fanambaran'i Yaveh.'"

40 [1]Tonga tamin'i Jeremia ny teny avy tamin'i Yaveh taorian'ny nanafahan'i Nebozaradana ilay mpifehy ireo mpiambina ny mpanjaka azy tany Rama. Nahita an'i Jeremia nifatotra rojo teo amin'ireo babon'i Jerosalema rehetra sy Joda izay nentina natao sesitany tany Babylona. [2]Ny lehiben'ny mpiambina naka an'i Jeremia ary nanao taminy hoe: "Nandidy izao loza izao ho an'ity toerana ity i Yaveh Andriamanitrao.
[3]Koa nanatanteraka izany i Yaveh. Nanao araka izay nambarany Izy, satria ianareo ry vahoaka dia nanota taminy ary tsy nankatò ny feony. Izany no antom-pisian'izao zavatra izao aminareo ry vahoaka. [4]Fa indro ankehitriny, manafaka anao amin'ny rojo izay eny an-tananao aho anio. Raha sitrakao ny hiaraka amiko ho any Babylona, dia andao, ary hikarakara anao aho. Fa raha tsy sitrakao kosa ny hiaraka amiko ho any Babylona, dia aza atao izany. Jereo ny tany rehetra manoloana anao. Ka mandehana amin'izay tsara izay mety eo imasona."
[5]Rehefa tsy namaly Jeremia, dia hoy Nebozaradana hoe: "Mandehana any amin'i Gedalia zanaka lahin'i Ahikama zanaka lahin'i Safana, izay nampiandraiketin'ny mpanjakan'i Babylona ny tanànan'i Joda. Miaraha mipetraka aminy eo amin'ireo vahoaka na mandehana any amin'izay sitrakao andehanana." Nanome sakafo sy fanomezana ho azy ny mpifehy ny mpiambina ny mpanjaka, ary avy eo dia nandefa azy. [6]Koa dia nandeha tany amin'i Gedalia zanaka lahin'i Ahikama, tany Mizpa i Jeremia. Niara-nipetraka taminy teo amin'ireo vahoaka izay sisa velona tamin'ilay tany izy.
[7]Ary raha mbola tany ambanivohitra ny mpifehin'ireo miaramila Jodeana—izy ireo sy ireo olony—dia nahare fa efa nanao an'i Gedalia zanaka lahin'i Ahikama, ho governoran'ny tany ny mpanjakan'i Babylona. Ren'izy ireo ihany koa fa efa nampiandraiketiny azy ireo lehilahy, ireo vehivavy, ary ireo zaza izay olona mahantra indrindra teo amin'ilay tany, ireo izay tsy natao sesitany tany Babylona. [8]Koa dia nandeha tany amin'i Gedalia tany Mizpa izy ireo. Ireo lehilahy ireo dia Ismaela zanaka lahin'i Netania; Johanana sy Jonatana, zanaka lahin'i Karea; Seraia zanaka lahin'i Tanometa; ireo zanaka lahin'i Efay Neofatita; ary Jazania zanaka lahin'ilay Makatita_izy ireo sy ny olony.
[9]Gedalia zanaka lahin'i Ahikama zanaka lahin'i Safana dia nanao fianianana tamin'izy ireo sy ny olony ary nanao tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra ny hanompo ny manam-pahefan'ny Kaldeana. Mitoera eo amin'ilay tany ka tompoy ny mpanjakan'i Babylona, ary hahita soa ianareo. [10]Indro, honina any Mizpa aho mba hihaona amin'ireo Kaldeana izay tonga teto amintsika. Koa mamokara divay, voka-pahavaratra, sy diloilo ary tehirizo ao amin'ny fitehirizanareo ireo. Mitoera amin'ny tanàna izay efa nisy anareo."
[11]Ary ny Jiodeana rehetra tany Moaba, teo amin'ireo vahoakan'i Amona, sy ny tao Edoma, ary izay tao amin'ny tany rehetra dia nandre fa namela ny Joda sisa tavela hijanona ny mpanjakan'i Babylona, izay nanendreny an'i Gedalia zanaka lahin'i Ahikama zanaka lahin'i Safana teo amin'izy ireo. [12]Koa dia niverina avy tany amin'ny toerana izay nanaparitahany avy ny Jodeana rehetra, ho any Gedalia tany Mizpa. Namokatra divay sy voka-pahavaratra maro dia maro izy ireo.
[13]Johanana zanaka lahin'i Karea sy ireo mpifehy tafika rehetra tany an-tsaha tonga tao amin'i Gedalia tany Mizpa. [14]Hoy izy ireo taminy hoe: "Moa fantatrao ve fa i Balisa mpanjakan'ny vahoakan'i Amona no nandefa an'i Ismaela zanaka lahin'i Netania mba hamono anao?" Kanefa i Gedalia zanaka lahin'i Ahikama tsy nino azy ireo.
[15]Koa dia niteny mangina tamin'i Gedalia i Johanana zanaka lahin'i Karea ary nanao taminy hoe: "Mamelà ahy handeha hamono an'i Ismaela zanaka lahin'i Netania. Tsy hisy hiahiahy ahy. Nahoana izy no hamono anao? Nahoana no navela hiparitaka ny Joda rehetra izay efa niangona teo aminao ary ireo sisa tavela tao Joda rehetra ho rava?" [16]Fa Gedalia zanaka lahin'i Ahikama niteny tamin'i Johanana zanaka lahin'i Karea hoe: "Aza manao izany zavatra izany, fa miampanga lainga momba an'i Ismaela ianao."

41 [1]Ary tamin'ny volana fahafito dia tonga tany amin'i Gedalia zanak'i Ahikama, tany Mizpa i Isimaela zanak'i Netania zanak'i Elisama, avy amin'ny fianakavian'ny mpanjaka, sy ny sasany tamin'ny manam-boninahitry ny mpanjaka—olona folo no niaraka taminy. Niara nihinana sakafo tany Mizpa izy ireo. [2]Fa Isimaela zanak'i Netania, ary ireo olona folo izay niaraka taminy dia nitsangana ary nanafika an'i Gedalia zanak'i Ahikama zanak'i Safana, tamin'ny sabatra. Novonoin'i Isimaela i Gedalia, izay napetraky ny mpanjakan'i Babylona hiandraikitra ny tany. [3]Ary novonoin'ny Isimaela ireo Jiosy rehetra izay niaraka tamin'i Gedalia tany Mizpa sy ireo Kaldeana mpiady hita tao.
[4]Ary tonga ny andro faharoa taorian'ny namonoana an'i Gedalia, saingy tsy nisy nahalala. [5]Ny sasany tamin'ireo olona dia tonga avy any Sekema, avy any Silo, ary avy any Samaria—olona valopolo izay nanarata ny volombavany, nandriatra ny ankajony, ary nandidy ny tenany—niaraka tamin'ny fanatitra hoanina sy emboka manitra teny an-tanan'izy ireo mba handehanana ao amin'ny tranon'i Yaveh.
[6]Koa niala tao Mizpa i Isimaela zanak'i Natania mba hitsena azy ireo teny am-pandehanana, sady nitomany. Ary raha nihaona tamin'izy ireo iny izy, dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Mandehana any amin'i Gedalia zanak'i Ahikama!" [7]Ary rehefa tonga tany amin'ny tanàna izy ireo, dia novonoin'i Isimaela zanak'i Netania sady nariany tao an-davaka izy ireo, izy sy ireo olona niaraka taminy.
[8]Kanefa nisy olona folo tamin'izy ireo nilaza tamin'i Isimaela hoe: "Aza mamono anay, fa misy vatsinay any an-tsaha: vary hordea, menaka sy tantely." Koa tsy novonoiny niaraka tamin'ireo namany hafa izy ireo. [9]Ny famorian-drano izay

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

nandatsahan'i Isimaela ny maty rehetra izay novonoiny, dia famorian-drano lehibe izay nohadian'i Asa Mpanjaka ho fiarovana hanoherana an'i Basa mpanjakan'ny Israely. Nofenoin'i Isimaela zanak'i Natania an'ireo faty izany.
[10]Avy eo dia nosamborin'i Isimaela ireo olona rehetra izay tany Mizpa, ireo zanaka vavin'ny mpanjaka sy ireo olona rehetra izay sisa tavela tany Mizpa izay efa notendren'i Nebozaradana lehiben'ny mpiambina ho an'i Gedalia zanak'i Ahikama. Koa nisambotra azy ireo i Isimaela zanak'i Natania ary nandeha nanavatsava teo amin'ny olon'i Amona.
[11]Fa i Johanana zanak'i Karea sy ireo mpifehin'ny tafika niaraka taminy dia nandre ny loza rehetra izay nataon'i Isimaela zanak'i Natania. [12]Koa nalain'izy ireo ny olony rehetra ary nentiny hiady hanohitra an'i Isimaela zanak'i Natania. Hitan'izy ireo tany amin'ny dobo lehiben'i Gibeona izy.
[13]Ary rehefa hitan'ny olona rehetra izay niaraka tamin'i Isimaela i Johanana zanak'i Karea sy ireo mpifehin'ny tafika rehetra niaraka taminy, dia tena faly izy ireo. [14]Koa nitodika ireo olona rehetra izay nosamborin'Isimaela tao Mizpa ka nandeha tany amin'i Johanana zanak'i Karea.
[15]Fa nandositra niaraka tamin'ny lehilahy valo avy tany Johanana i Isimaela zanak'i Netania. Nankany amin'ny vahoakan'i Amona izy. [16]Nalain'i Johanana zanak'i Karea avy any Mizpa ireo olona rehetra izay navotana tamin'i Isimaela zanak'i Netania. Izany dia taorian'ny namonoan'Isimaela an'i Gedalia zanak'i Ahikama. Naka ireo lehilahy mahery, ireo lehilahy mpiady, ireo zaza amam-behivavy, ary ireo tandapa izay avotra tao Gibeona i Johanana sy ireo namany.
[17]Dia nandeha izy ireo ka nitoetra fotoana fohy tany Gerota Kimama, izay teo akaikin'i Betlehema. Nandeha tany Egypta izy ireo noho ireo Kaldeana. [18]Izy ireo dia natahotra azy ireo satria novonoin'i Isimaela zanak'i Netania i Gedalia zanak'i Ahikama, izay nampiandraiketan'ny mpanjaka ilay tany.

42 [1]Dia nanatona an'i Jeremia mpaminany ny mpifehy tafika rehetra sy i Johanana zanaka lahin'i Karea, Jazania zanaka lahin'i Hosaia, sy ny vahoaka rehetra nanomboka tamin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra. [2]Hoy izy ireo taminy hoe: "Aoka ho tonga eo anatrehanao ny talahonay. Mivavaha ho anay amin'i Yaveh Andriamanitrao noho ireo vahoaka sisa ireo satria vitsy anisa loatra izahay, araka izao hitanao izao. [3]Lazao i Yaveh Andriamanitrao mba hiteny aminay ny lalana tokony halehanay sy izay tokony hataonay."
[4]Koa dia hoy Jeremia mpaminany tamin'izy ireo hoe: "Efa reko ianareo. Indro, hivavaka amin'i Yaveh Andriamanitrareo araka izay efa nangatahinareo aho. Na inona na inona havalin'i Yaveh, dia ho teneniko aminareo. Tsy hihazona na inona na inona aminareo aho." [5]Hoy izy ireo tamin'i Jeremia hoe: "Yaveh anie ho vavolombelona marina sy tsy mivadika ho antsika raha tsy manao izay rehetra lazain'i Yaveh Andriamanitrao ho ataonay izahay." [6]Na ho tsara na ho ratsy izany, dia hankatò ny feon'i Yaveh Andriamanitray izahay, izay hanirahanay anao, mba hahasoa anay rehefa mankatò ny feon'i Yaveh Andriamanitray izahay."
[7]Tamin'ny fiafaran'ny andro fahafolo, dia tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh. [8]Koa dia niantso an'i Johanana zanaka lahin'i Karea sy ireo mpifehy tafika miaraka aminy rehetra i Jeremia, ary ny vahoaka rehetra nanomboka tamin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra. [9]Dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Izao no lazain'i Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely—izay nanirahanareo ahy mba ahafahako mametraka ny talahonareo eo anatrehany—manao hoe:
[10]"Raha miverina sy mitoetra eto amin'ity tany ity ianareo, dia hanarina anareo Aho fa tsy hamotika anareo; hamboly anareo Aho fa tsy hanongotra anareo, fa hanala ny loza izay efa nentiko teo aminareo Aho.
[11]Aza matahotra ny mpanjakan'i Babylona, izay atahoranareo. Aza matahotra azy—izany no fanambaran'i Yaveh—satria Izaho momba anareo mba hamonjy sy hanavotra anareo eny an-tanany. Fa Izaho hanome anareo famindram-po.
[12]Hanana fangoraham-po aminareo Aho, ary Izaho hitondra anareo hiverina amin'ny taninareo.
[13]Nefa raha hoy ianareo hoe: "Tsy hitoetra eto amin'ity tany ity izahay"—raha tsy mihaino ny feoko, izay feon'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo. [14]Raha hoy ianareo hoe: "Tsia! Handeha ho any amin'ny tany Egypta izahay, izay tsy hahitanay ady, izay tsy handrenesanay ny feon'ny trompetra, ary tsy ho noana hanina izahay. Hitoetra any izahay."
[15]Ankehitriny mihainoa izao tenin'i Yaveh izao, ianareo izay sisan'i Joda. Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia milaza hoe: "Raha hiainga handeha ho any Egypta tokoa ianareo, handeha sy hitoetra any, [16]dia hanenjika anareo any amin'ny tany Egypta ny sabatra izay atahoranareo. Hanaraka anareo any ny mosary izay ahianareo, ka ho faty any ianareo. [17]Ary ny lehilahy rehetra izay niainga ho any Egypta mba hitoetra any dia ho fatin'ny sabatra, mosary, na areti-mandringana. Tsy hisy sisa velona izy ireo, tsy hisy ho afa-mandositra ny fahavoazana izay entiko izy ireo.
[18]Fa milaza izao Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, hoe: "Toy ny firotsaky ny fahatezerako sy ny fahavinirako teo amin'ny mponin'i Jerosalema, dia tahaka izany koa ny fomba hirotsahan'ny fahatezerako aminareo raha mandeha any Egypta ianareo. Ho tonga zava-panozonana sy horohoro ianareo, zavatra hitenenana ozona, ary zavatra tsy mendrika, ka tsy ho hitanareo intsony izao toerana izao.'" [19]Dia hoy i Jeremia hoe: "Yaveh dia efa niteny mahakasika anareo—ianareo izay sisan'i Joda. Aza mandeha any Egypta! Fantatrareo tokoa fa efa vavolombelonareo Aho androany.
[20]Fa namitaka mafy ny tenanareo ianareo rehefa nandefa ahy ho any amin'i Yaveh Andriamanitrareo ka niteny hoe: 'Mivavaha amin'i Yaveh Andriamanitsika ho anay. Izay rehetra lazain'Andriamanitra, dia ambarao anay, ary dia ho tanterahinay izany.' [21]Fa efa notateriko taminareo androany, nefa ianareo tsy mba nihaino ny feon'i Yaveh Andriamanitrareo na tamin'ny zavatra momba izay nanirahany ahy ho aminareo. [22]Koa ankehitriny, tokony ho fantatrareo tokoa fa ho fatin'ny sabatra, mosary, ary areti-mandringana ianareo any amin'ny tany izay irianareo hitoerana."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

43 [1]Ary nifarana ny fanambaran'i Jeremia ny teny rehetra an'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo izay nolazainy taminy mba
ho teneniny amin'ny vahoaka rehetra. [2]Azaria zanaka lahin'i Hosaia, Johanana zanaka lahin'i Karea, ary ny olona
miavonavona rehetra dia niteny tamin'i Jeremia hoe: "Milaza lainga ianao. Yaveh Andriamanitray dia tsy naniraka anao
hilaza hoe: 'Aza mandeha mitoetra any Egypta.' [3]Fa i Baroka zanaka lahin'i Neria dia niantsy anao hanohitra anay mba
hanafaka anay eo an-tanan'ireo Kaldeana, satria ianao no mahatonga ny fahafatesanay ary manao anay ho babo any
Babylona."
[4]Koa nandà ny hihaino ny feon'i Yaveh mba hitoetra any amin'ny tanin'i Joda i Johanana zanaka lahin'i Karea, ireo
andrian'ny tafika rehetra, ary ireo vahoaka rehetra. [5]Johanana zanaka lahin'i Karea sy ireo lehiben'ny tafika rehetra dia
nitondra izay tavela rehetra tamin'i Joda izay niverina avy any amin'ny firenena rehetra tany amin'izay nanaparitahana
azy ireo mba hitoetra any amin'ny tanin'ny Joda. [6]Nalain'izy ireo ny lehilahy sy ny vehivavy, ny ankizy sy ireo zanaka
vavin'ny mpanjaka, ary ny olona rehetra izay navelan'i Nebozaradana, mpifehy ireo mpiambin'ny mpanjaka tamin'i
Gedalia zanaka lahin'i Ahikama zanaka lahin'i Safana. Nalain'izy ireo ihany koa i Jeremia mpaminany sy i Baroka zanaka
lahin'i Neria. [7]Nankany amin'ny tany Egypta izy ireo, any Tapanesa, satria izy ireo dia tsy nihaino ny feon'i Yaveh.
[8]Ka tonga tamin'i Jeremia ny tenin'i Yaveh tany Tapanesa, nanao hoe: [9]"Mandraisa vato lehibe maromaro amin'ny
tananao, ary, afeno eo imason'ny vahoakan'i Joda ao amin'ny fetan'ny rarivato eo amin'ny fidirana mankany amin'ny
tranon'i Farao any Tapanesa ireo." [10]Ary lazao izy ireo hoe: 'Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, milaza izao:
'Indro, handefa iraka haka an'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona toy ny mpanompoko Aho. Ho apetrako eo
amin'ireo vato ireo ny seza fiandrianany izay nalevinao, ry Jeremia. Hametraka ny lainy eo amin'izy ireo i
Nebokadnezara.
[11]Fa ho avy izy ary hanafika ny tanin'i Egypta. Izay voatendry ho faty dia ho atolotra ho vonoina. Izay voatendry ho babo
dia hotratra babo. Izay voatendry ho amin'ny sabatra dia homena ny sabatra. [12]Dia handrehitra afo eo amin'ny
tempolin'ireo andriamanitr'i Egypta aho. Nebokadnezara dia handoro azy ireo na hisambotra azy ireo. Hanadio ny tanin'i
Egypta tahaka ireo mpiandry ondry manadio ny bibikely amin'ny akanjon'izy ireo izy. Dia hivoaka amin'izany toerana
izany amin'ny fandresena izy. [1] [13]Hamotika ny tsangam-bato any Neopolisa any amin'ny tanin'i Egypta izy. Handoro ny
tempolin'ireo andriamanitr'i Egypta izy.'"

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Handrehitra ny afo aho", ny dikan-teny sasany taloha sy vaovao kosa dia misy hoe: "Handrehitra afo izy."

---

44 [1]Ny teny izay tonga tamin'i Jeremia mahakasika ny Jiosy rehetra izay nipetraka tany amin'ny tany Egypta, dia ireo
olona nitoetra tao Migdola, Tapanesa, Memfisa, ary tao amin'ny tany Patrosa. [2]"Yaveh Tompon'ny maro,
Andriamanitr'Israely, manao izao: Ianareo mihitsy no efa nahita ireo loza rehetra izay nentiko tamin'i Jerosalema sy ny
tanànan'ny Joda rehetra. Indro, rava izy ireo ankehitriny. Tsy misy olona mipetraka ao amin'izy ireo. [3]Izany dia
nohon'ireo zavatra ratsy nataon'izy ireo mba hanafintohinana Ahy tamin'ny nandehanany nandoro ditin-kazo manitra sy
nanompoany ireo andriamanin-kafa. Ireo dia andriamanitra izay tsy fantatr'izy ireo, na ianareo, na ireo razambenareo.
[4]Ka nirahiko matetika ho any amin'izy ireo mpanompoko mpaminany rehetr. Nirahiko izy ireo mba hiteny hoe: 'Atsaharo
ny fanaovana izao zava-betaveta izay halako izao.' [5]Nefa tsy nihaino izy ireo. Nandà tsy hihaino izy ireo na niala tamin'ny
faharatsiany tamin'ny fandorana ditin-kazo manitra ho an'ireo andriamanin-kafa. [6]Koa niraraka ny fahavinirako sy ny
fahatezerako ary nandrehitra afo tao amin'ireo tanànan'i Joda sy ireo lalan'i Jerosalema. Koa nanjary faharavana sy
fahapotehana, tahaka ny amin'izao andro anio izao ireo."
[7]"Koa ankehitriny, dia milaza izao Yaveh Andriamanitra Tompon'ny maro sy Andriamanitr'Israely: "Nahoana no manao
faharatsiana lehibe amin'ny tenanareo ianareo? Nahoana ianareo no manao izay hahafongotra anareo amin'ireo Joda—
dia ireo vehivavy sy lehilahy, ireo ankizy sy zaza? Tsy hisy ho tavela aminareo. [8]Tamin'ny faharatsianareo no
nanafintohinanareo Ahy noho ireo asan'nny tananareo, tamin'ny fandoroana ditin-kazo manitra ho an'ireo andriamanin-
kafa tany amin'ny tany Egypta, izay nandehananareo hitoerana. Nandeha tany ianareo mba ho potehina, mba
hanozonana sy hanalana baraka anareo eo amin'ireo firenen'ny tany rehetra.
[9]Moa ve adinonareo ny faharatsiana nataon'ireo razambenareo sy ny faharatsiana nataon'ireo mpanjakan'i Joda sy ireo
vadiny? Moa ve adinonareo ny ratsy nataonareo sy ny vadinareo tany amin'ny tanin'ny Joda sy ireo lalamben'i
Jerosalema? [10]Mandrak'androany, dia tsy mbola nanetry tena izy ireo. Tsy manaja ny lalàko na ireo didiko izay napetrako
teo anoloan'izy ireo sy ny razambeny izy ireo, na mandeha amin'ireny."
[11]Noho izany Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia milaza izao: "Indro, efa hanapa-kevitra ny hanandrina ny
tavako aminao Ah. [12]Fa halaiko ny tavela amin'ny Joda izay navoaka handeha ho any amin'ny tany Egypta mba hitoetra
any. Hataoko izany mba hahafatesan'izy rehetra any amin'ny tany Egypta. Ho lavon'ny sabatra sy mosary izy ireo.
Manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra dia ho fatin-tsabatra sy mosary. Ho faty izy ireo ary
ho tonga zavatra fianianana, fanozonana, fandatsana, ary zavatra mampihorohoro.
[13]Fa hanafay ny olona monina ao amin'ny tany Egypta tahaka ny nanafaizako an'i Jerosalema tamin'ny tsabatra, mosary,
ary aretin-mandringana Aho. [14]Tsy hisy ho tafatsoaka na ho velona ireo sisan'ny Joda izay andeha mba hitoetra any ao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

amin'ny tany Egypta no ho tafaverina ao amin'ny tanin'i Joda, na dia te hiverina sy hitoetra any aza izy ireo. Tsy misy ho tafaverina izy ireo, afa-tsy izay vitsy handositra hiala eto."
[15]Ary ny lehilahy rehetra izay nahalala fa nandoro ditin-kazo manitra ho an'ireo andriamanin-kafa ny vadin'izy ireo, sy ny vehivavy rehetra izay tao amin'ny fiangonana lehibe, ary ny olona rehetra izay nipetraka tany amin'ny tany Egypta tany Patrosa dia namaly an'i Jeremia. [16]Hoy izy ireo: "Momba ny teny izay nambaranao taminay tamin'ny anaran'i Yaveh —dia tsy hihaino anao izahay. [17]Fa ho ataonay avokoa ny zavatra rehetra izay nolazainay fa ho ataonay—dia handoro ditin-kazo manitra ho an'ny Mpanjakavavin'ny Lanitra ary handraraka fanatitra sotroina ho azy tahaka ny nataonay, ireo razambenay, ireo mpanjakanay, ary ireo mpitarikay tao amin'ireo tanànan'i Joda sy ireo lalan'i Jerosalema. Dia ho voky sakafo izahay ka ho ambinina, no sady tsy hiharan-doza.
[18]Raha nitsahatra tsy manao ireo zavatra ireo izahay, tsy nanolotra ditin-kazo manitra ho an'ny Mpanjakavavin'ny Lanitra ary tsy nandraraka fanatitra sotroina ho azy, dia nijaly tamin'ny fahantrana izahay ary ho fatin-tsabatra sy mosary." [19]Hoy ireo vehivavy: "Rehefa manao fanatitra ditin-kazo manitra eo anoloan'ny Mpanjakavavin'ny Lanitra izahay ary mandraraka fanatitra sotroina ho azy, moa ve hanohitra ny vadinay no nanaovanay ireo zavatra ireo, manao mofomamy amin'ny endriny ary mandraraka fanatitra sotroina ho azy?"
[20]Dia hoy Jeremia tamin'ny vahoaka rehetra—tamin'ny lehilahy sy ny vehivavy, ary tamin'ny vahoaka rehetra izay namaly azy—nanambara izy ka nanao hoe: [21]"Moa ve tsy tsaroan'i Yaveh ny ditin-kazo manitra izay nodoranareo tao amin'ireo tanànan'i Joda sy ireo lalan'i Jerosalema—ianareo sy ireo razambenareo, ireo mpanjakanareo sy ireo mpitarika, ary ny mponin'ny tany rehetra? Fa efa nahatsiaro izany Yaveh; tonga tao an'eritreriny izany.
[22]Koa tsy zakany intsony izany nohon'ny fanaovan-dratsinareo, nohon'ny fahavetavetana izay nataonareo. Dia hanjary ho lao, ho horohoro, ary ho ozona ny taninareo mba tsy hisian'ny mponina tahaka izao andro anio izao intsony. [23]Satria nandoro ditin-kazo manitra ary nanota tamin'i Yaveh ianareo, ary satria tsy nihaino ny feony, ny lalàny, ny fitsipiny, na ireo lalàn'ny fanekeny ianareo, dia nitranga taminareo izao loza izao tahaka izao andro anio izao."
[24]Dia hoy Jeremia tamin'ny vahoaka rehetra sy ny vehivavy rehetra: "Mandrenesa ny tenin'i Yaveh, ry Joda rehetra izay ao amin'ny tany Egypta. [25]Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, manao hoe: 'Ianareo sy ny vadinareo dia efa samy nilaza tamin'ny vavanareo ary nanatanteraka tamin'ny tananareo izay nolazainareo hoe: "Hotanterahinay tokoa ireo voady izay nataonay hanompoana ny Mpanjakavavin'ny Lanitra, mba handraraka fanatitra sotroina ho azy." Ankehitriny efao ny voadinareo; tanteraho ireo.'
[26]Koa dia, mandrenesa ny tenin'i Yaveh, ry Joda rehetra izay mitoetra ao amin'ny tany Egypta, 'Indro, efa nianiana tamin'ny anarako lehibe Aho—hoy Yaveh. Tsy ho antsoina amin'ny vavan'ireo olon'i Joda ao amin'ny tany Egypta rehetra intsony ny anarako, dia ianareo izay miteny ankehitriny hoe: "Raha velona koa ny Tompo Yaveh." [27]Indro, miambina azy ireo ho amin'ny loza fa tsy ho amin'ny soa Aho. Ny olon'i Joda rehetra ao amin'ny tany Egypta dia ho fatin-tsabatra sy mosary mandra-pahatapitra azy rehetra. [28]Ary ireo tsy matin-tsabatra dia hiverina avy ao amin'ny tany Egypta ho any amin'ny tanin'ny Joda, ny vitsy an'isa amin'izy ireo ihany. Koa ny tavela tamin'ny Joda rehetra izay nandeha tany amin'ny tany Egypta mba honina any dia hahafantatra hoe ny tenin'iza no ho tanteraka: ny ahy sa ny azy ireo.
[29]Izao no ho famantarana ho anareo—izany no fanambaran'i Yaveh—fa hanohitra anareo ao amin'izany toerana izany Aho, mba ahafantaranareo fa hamely anareo amin'ny loza tokoa ny teniko.' [30]Izao no lazain'i Yaveh: 'Indro, efa hanolotra an'i Farao-Hofra mpanjakan'i Egypta eo an-tanan'ireo fahavalony sy eo an-tanan'ireo izay mifofo ny ainy Aho. Izany dia ho tahaka izay nanolorako an'i Zedekia mpanjakan'ny Joda teo an-tanan'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona, ilay fahavalony izay nifofo ny ainy."

45 [1]Ity no teny izay nolazain'i Jeremia mpaminany tamin'i Baroka zanaka lahin'i Neria. Rehefa nanoratra ireto teny notononin'i Jeremia ireto izy—tamin'ny taona fahefatra nanjakan'i Joiakima zanaka lahin'i Josia, mpanjakan'i Joda izany, ary hoy izy hoe: [2]"Yaveh, Andriamanir'Israely; dia milaza izao aminao, ry Baroka: [3]Nilaza ianao hoe: 'Idiran-doza aho, satria nampian'i Yaveh fahoriana ny fanaintainako. Nandreraka ahy ny sentoko; tsy nahita fitsaharana aho.'
[4]Izao no tsy maintsy lazainao aminy: 'Yaveh dia milaza izao: Indro ho simbaiko izay nahoriko. Hongotako izay namboleko —ho ataoko manerana ny tany rehetra izany. [5]Fa moa ve ianao manantena zavatra lehibe ho an'ny tenanao? Aza manantena an'izany. Fa indro, loza no ho avy amin'ny olombelona rehetra—izany no fanambaran'i Yaveh—fa homeko anao ho toy ireo halatrao eny amin'izay rehetra ho alehanao eny ny fiainanao.'"

46 [1]Izao no tenin'i Yaveh izay tonga tamin'i Jeremia mpaminany mahakasika ireo firenena. [2]Ho an'i Egypta: "Momban'ny tafik'i Farao-neko, mpanjakan'i Egypta izay any Karkemisy amoron'ny onin'i Eofrata izao. Ity ilay tafika izay resin'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona tamin'ny fahefa-taona nanjakan'i Joakima zanaka lahin'i Josia, mpanjakan'ny Joda: [3]Ataovy vonona ireo ampinga kely sy ireo ampinga lehibe, ary mandehana mandroso hiady. [4]Apetraho eo ambonin'ny soavaly ireo fiadiana; miakara eo ambonin'ny soavaly ary raiso ny tsangananao miaraka amin'ny aro-loha eo amboniny; ranito ny lefonao ary apetraho eo amin'ny akanjo fiarovanao.
[5]Fa inona izao hitako izao? Feno tahotra izy ireo ary mitsoaka, satria resy ny miaramilan'izy ireo. Mitsoaka hitady fiarovana izy ireo ka tsy mijery izay ao aoriana. Eny amin'ny manodidina rehetra eny ny horohoro—izany no

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fanambaran'i Yaveh— [6]tsy afa-mitsoaka ireo haingam-pandeha, ary tsy afa-mitsoaka ireo miaramila. Tafintohina tany avaratra izy ireo ary lavo teo akaikin'ny Onin'i Eofrata.
[7]Iza ity miakatra tahaka an'i Neily ity, izay misamboaravoara miakatra sy midina tahaka ny renirano ny onjany?
[8]Miakatra tahaka an'i Neily i Egypta, tahaka ny onja izay miakatra sy midina. Hoy i Egypta hoe: 'Hiakatra aho ary hanarona ny tany. Hanimba ireo tanàna sy ireo mponiny aho. [9]Miakàra, ry soavaly. Aoka ho tezitra, ianareo ry kalesy. Aoka hivoaka ireo miaramila, Kosy sy Pota, ireo lehilahy manam-pahaizana manokana amin'ny fampiasana ampinga, ary Loda, lehilahy manam-pahaizana amin'ny fanenjanana ny tsipìkan'izy ireo.'
[10]Tamin'io andro io no andron'ny valifatIn'ny Tompo Yaveh tompon'ny maro, ary hamaly faty ireo fahavalony ho an'ny tenany izy. Handrapaka ny sabatra ka ho afa-po. Hisotro ny rà miboboka an'izy ireo izany. Fa hisy sorona ho an'ny Tompo Yaveh tompon'ny maro any amin'ny tany avaratra amoron'ny Onin'i Eofrata
[11]Miakàra any Gileada ary mangalà fanafody, ry zanaka vavy virijinin'i Egypta. Tsy misy dikany ny nametahanao fanafody maro tamin'ny tenanao. Tsy misy fanafana ho anao. [12]Nandre ny fahafaham-barakanao ireo firenena. Feno ny fitomanianao ny tany, fa nifandona tamin'ny miaramila iray ny miaramila iray; niara-lavo izy roa ireo."
[13]Izao no tenin'i Yaveh nolazaina tamin'i Jeremia mpaminany rehefa tonga sy nanafika ny tany Egypta i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona: [14]"Ambarao ao Egypta, ary ambarao ao Migdola, Memfisa, ary Tapanesa izany. 'Raiso ny toeranao ary homano ny tenanao, fa handrapaka ireo manodidina anao ny sabatra.'
[15]Nahoana ireo maherinao no lavo amin'ny tany? Tsy hitsangana izy ireo, satria Izaho, Yaveh, no nanosika azy ireo ho amin'ny tany. [16]Mampitombo ny isan'ireo tafintohina Izy. Ny miaramila tsirairay dia mifandimby lavon'ny hafa. Hoy izy ireo hoe: 'Mitsangàna. Andeha isika hody. Andeha isika hiverina any amin'ireo olontsika, any amin'ny tany nahaterahantsika. Andeha isika hamela ity sabatra izay mamely antsika ity.' [17]Nanambara tany izy ireo hoe: 'Farao mpanjakan'ny Joda dia tabataba fotsiny ihany, ilay iray izay namela ny irikany ho lasa fotsiny.'
[18]Raha mbola velona koa Aho—nanambara ny Mpanjaka, izay ny anarany dia i Yaveh tompon'ny maro—dia hisy olona iray izay ho tonga tahaka ny Tendrombohitra Tabara sy Tendrombohitra Karmela amoron'ny ranomasina. [19]Omano ny entana ho entinareo any an-tsesitany, ianareo izay mipetraka any Egypta. Fa ho foana i Memfisa, handry amin'ny faharavana izy ary tsy hisy na iza na iza hipetraka any.
[20]Egypta dia ombivavy tanora tsara tarehy tokoa, kanefa hisy bibikely manindrona ho tonga avy any avaratra. Ho avy izany. [21]Ireo miaramila nokaramaina eo anelanelany dia tahaka ny ombilahy matavy, fa izy ireo ihany koa anefa dia hihodina ary hitsoaka. Tsy hiara-hitsangana izy ireo, satria tonga ny andron'ny loza hamely azy ireo, ny fotoan'ny sazin'izy ireo. [22]Misioka tahaka ny bibilava i Egypta, ary mandady, fa ireo fahavalony kosa dia mizotra hanohitra azy ireo. Mankeny amin'izy ireo tahaka ny mpanapaka hazo miaraka amin'ny famaky izy ireo.
[23]Hanapaka ny ala izy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh—na dia mikitroka tokoa aza izany. Fa ho maro noho ireo valala ireo fahavalo, tsy tambo isaina. [24]Ho afa-baraka ny zanaka vavin'i Egypta. Ho atolotra eo an-tanan'ny vahoaka avy any avaratra izy."
[25]Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, dia milaza hoe: "Indro, eo andalam-pamaizana an'i Amona avy any Teba, Farao, Egypta sy ireo andriamaniny, ireo Farao mpanjakany, ary ireo izay matoky azy ireo Aho. [26]Ho atolotra eo an-tanan'ireo izay mifofo ny ainy izy ireo, ary eo an-tanan'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona sy ireo mpanompony. Aorian'izany dia tsy ho azo hipetrahana tahaka ny tamin'ny andro taloha i Egypta—izany no fanambaran'i Yaveh.
[27]Fa ianao, ry Jakoba mpanompoko, dia aza matahotra. Aza raiki-tahotra, ry Israely, fa indro, hamerina anao avy lavitra Aho, ary ny zanakao avy any amin'ny tany naha-babo azy ireo. Dia hiverina i Jakoba avy eo, hahita fiadanana, ary ho voaaro, ka tsy hisy na iza na iza hampihorohoro azy. [28]Ianao, ry Jakoba mpanompoko, aza matahotra—izany no fanambaran'i Yaveh—fa miaraka aminao Aho, ka hitondra faharavana tanteraka amin'ireo firenena rehetra izay hampielezako anao Aho. Fa tsy hanimba anao tanteraka Aho. Hibedy anao araka ny rariny Aho ary tsy hamela anao ho afa-tsazy."

47 [1]Izao no tenin'i Yaveh izay tonga tamin'i Jeremia mpaminany mahakasika an'ireo Filistina. Izao teny izao dia tonga taminy talohan'ny nanafihan'i Farao an'i Gaza. [2]Yaveh dia milaza izao: "Indro, miakatra ny tondra-drano any avaratra. Ho toy ny renirano manafotra izany! Ary hanafotra ilay tany sy ny zavatra rehetra ao amin'izany izy ireo, ireo tanànany sy ireo mponiny izany! Noho izany ny olona rehetra dia hihiaka fanampiana, ary hitomany ireo mponina rehetra ao amin'ilay tany.
[3]Tamin'ny feon'ny fikatrokatrokin'ny kitron'ny soavaly matanjak'izy ireo, tamin'ny fieron'ireo kalesin'izy ireo sy ny tabataban'iny kodian'izy ireo, ireo razambe dia tsy hanampy ireo zanany noho ny fahalemen'izy ireo manokana. [4]Fa avy ny andro izay handravana an'ireo Filistina rehetra, mba handringanana ao Tyro sy Sidona ny sisa velona rehetra izay te-hanampy an'izy ireo. Fa Yaveh dia mandrava an'ireo Filistina, ireo izay sisa avy amin'ny nosy Kaftora.
[5]Ho avy amin'i Gaza ny fahasolana. Raha ny amin'i Askelona, dia ho hampanginina ny olona izay tavela ao amin'ny lohasahany. Mandra-pahoviana no handidinareo ny tenanareo amin'ny fisaonana? [6]Indrisy, ry sabatr'i Yaveh! Mandra-pahoviana no hisian'izany mandra-panginanareo? Miverena ao amin'ny fitoeranao! Mitsahara ary aza miteny. [7]Ahoana no ahafahanao mangina, fa Yaveh no efa nandidy anao. Niantso anao hanafika an'i Askelona sy hanohitra ireo sisin-tany manaraka ny ranomasina Izy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

48 [1]Ho an'i Moaba, Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely dia milaza izao: "Loza ho an'i Nebo, fa efa rava izany.
Nosamborina i Kiriataima ary nalaim-baraka. Potika sy afa-baraka ny fiarovany mafy. [2]Tsy misy intsony ny
voninahitr'i Moaba. Nitetika hanao loza ho azy ireo fahavalon'izy ireo tao Hesbona. Hoy izy ireo: 'Avia aoka isika
hamotika azy tahaka ny firenena. Ho faty ihany koa i Madmena—hanenjika anareo avy ao aoriana ny sabatra.'
[3]Henoy! Tonga avy any Horonaima ny feon'ny hikiaka, izay misy faharavana sy fahasimbana lehibe any. [4]Rava i Moaba.
Hampandre ny fitarainany ireo zanany. [5]Hiakatra ny havoanan'i Lohita am-pitomaniana izy ireo, fa eny amin'ny lalam-
pidinan'i Horonaima, dia ho re ireo antsoantso noho ny fahasimbana.
[6]Mandosira! Vonjeo ny ainareo ary tongava ho toy ny kirihitr'anjavidy any an-tany efitra. [7]Fa noho ny fahatokianao ireo
fombanao sy ny harenao, no hisamborana anao koa. Ary i Kemosy dia handeha ho amin'ny fahababoana, miaraka
amin'ireo mpisorony sy ireo mpitariny.
[8]Fa ho avy eny amin'ny tanàna rehetra ny mpandrava; tsy misy tanàna ho afa-mandositra. Ka ho levona ny lohasaha ary
ho rava ny lemaka, araka ny nolazain'i Yaveh. [9]Omeo elatra i Moaba, fa tsy maintsy hanidina tokoa izy. Ho lasa ngazana
ireo tanànany, izay tsy misy na iza na iza monina ao amin'ireo. [10]Aoka ho voaozona izay kamo amin'ny fanaovana ny
asan'i Yaveh! Aoka ho voaozona izay mitàna ny sabany amin'ny fandatsahan-drà!
[11]Nahatsiaro ho voaaro i Moaba hatramin'ny naha-tanora azy. Tahaka ny divainy izay tsy mbola nararaka isaky ny vilany
izy. Tsy mbola nandeha tamin'ny fahababoana izy. Noho izany dia tsara tsiro lalandava izy; mijanona tsy miova ny
tsirony. [12]Koa indro, ho avy ny andro—izany no fanambaran'i Yaveh—rehefa handefa aminy ireo izay hanilika azy sy
handraraka ireo vilaniny rehetra ary hamaky ireo sininy Aho.
[13]Dia ho menatra an'i Kemosy i Moaba tahaka ny nahamenaran'ny ankohonan' Israely an'i Betela, ny anton'ny
fahatokian'izy ireo. [14]Ahoana no hilazanareo hoe: 'Izahay dia miaramila, lehilahy mpiady mahery'?
[15]Ho rava i Moaba ary hotafihana ireo tanànany. Fa ireo tovolahiny tsara indrindra dia efa nampidinina any amin'ny
toeran'ny famonoana. Izany ny fanambaran'ny mpanjaka! Yaveh Tompon'ny maro no anarany. [16]Hitranga tsy ho ela ny
faharavan'i Moaba; ho avy faingana tsy ho ela ny loza. [17]Ianareo rehetra manodidina an'i Moaba, mitomania; ary ianareo
rehetra izay mahalala ny lazany, hiakiaho hoe: 'Loza, fa simba, ny tehana mahery, sy ny tsorakazo manam-boninahitra.'
[18]Midìna eny amin'ny toeranao be voninahitra ary mipetraha eo amin'ny tany maina, ianao zanaka vavy monina ao
Dibona. Fa ilay handrava an'i Moaba no efa manafika anao, ilay handrava ireo fiarovanao mafy. [19]Mijoroa eo amin'ny
lalana ka tazano, ianareo vahoaka monina ao Aroera. Anontanio izay efa nandositra sy nitsoaka. Lazao hoe: 'Nisy inona?'
[20]Tonga menatra i Moaba, fa notorotoroina izy. Midradradradrà ary mitomania; mihiakiaha famonjena. Ambarao amin'ny
vahoaka eo amin'ny Renirano Arnona izany fa rava i Moaba.
[21]Ankehitriny dia tonga ao amin'ny tany havoana ny fanasaziana, ho an'i Holona, Jahaza, ary Mefata, [22]ho an'i Dibona,
Nebo, sy Beti-diblataima, [23]ho an'i Kiriataima, Beti-gamola, ary Beti-meona, [24]ho an'i Keriota sy Bozra, ary ho an'ny tanàna
rehetra amin'ny tanin'i Moaba_ireo tanàna lavitra indrindra sy ny akaiky indrindra. [25]Notapahina ny tandrok'i Moaba;
notapahina ny sandriny—izany no fanambaran'i Yaveh.
[26]Ataovy mamo izy, satria niasa am-pireharehana hanohitra an'i Yaveh izy. Aoka hiosinkosina amin'ny loany i Moaba, ary
aoka ho antom-panesoana izy. [27]Fa tsy Israely ve no lasa antom-piomehezana ho anao? Tsy hita teo amin'ireo mpangalatra
ve izy, ka nanozongozonanao ny lohanao taminy tahaka ny nitenenanao ny momba azy matetika?
[28]Ilaozy ny tanàna ary mitobia eny amin'ireo hantsana, ry mponin'i Moaba. Tongava tahaka ny domohina izay manao ny
ankaniny eny amin'ny vavan'ny lavaka eny amin'ireo vatolampy. [29]Rentsika ny fireharehan'i Moaba—ny fiavonavonany,
ny fiaingitrainginy, ny avonavony, ny fisehosehoany ary ny fieboeboan'ny fony.
[30]Izao no fanambaran'i Yaveh—Izaho ihany no mahalala ny teniny manohitra, izay tsy misy sandany, tahaka ireo asany.
[31]Ka hidradradradra fitomaniana ho an'i Moaba aho, ary hihiaka amin'ny alahelo ho an'i Moaba manontolo aho.
Hitomany ho an'i vahoakan'i Kira-haresa Aho. [32]Hitomany ho anao mihoatra noho izay nataoko ho an'i Jazera Aho, ry
voalobok'i Sibma! Manavatsava ny Ranomasina Masira ny rantsanao ary mahatratra hatrany Jazera. Nanafika ny voan'ny
fahavaratrao sy ny divainao ireo mpandrava.
[33]Ka dia nesorina lavitry ny hazo fihinam-boa sy ny tanin'i Moaba ny fankalazana sy ny hafaliana. Nanatsahatra ny
famoloan-divain'izy ireo Aho. Tsy hanitsaka ny hiakiam-pifaliana izy ireo. Ny hiakiaka rehetra dia tsy ho hiakiam-
pifaliana.
[34]Avy any Hesbona ka hatrany Elale ireo hiakiaka, re any Jahaza ny feon'izy ireo, hatrany Zoara ka hatrany Horonaima sy
Elgata-selisia, fa na hatramin'ny ranon'i Nimrima aza dia maina. [35]Fa hamarana ireo izay manao sorona eo amin'ny
toerana avo sy mandoro ditin-kazo manitra ho an'ireo andriamaniny ao Moaba Aho_izany ny fanambaran'i Yaveh.
[36]Ka mitomany an'i Moaba tahaka ny sodina ny foko. Mitomany tahaka ny sodina ho an'ny olona ao Kira-haresa ny foko.
Lasa ireo harena izay azon'izy ireo. [37]Fa sola ny loha rehetra ary niharatra ny volom-bava rehetra. Amin'ny tanana
rehetra ireo ratra, ary manodidina ireo valahan'izy ireo ny lamba fisaonana.
[38]Misy fisaonana na aiza na aiza, dia eny amin'ny tapela-tafotrano sy eny amin'ireo toerana malalak'i Moaba. Fa
nopotehako tahaka ny vilany izay tsy misy mpitia i Moaba—izany no fanambaran'i Yaveh. [39]Endrey ny nanorotoroana
izany! Endrey midradradradra amin'ny tomaniny izy ireo! Mampiodina ny lamosiny ho amin'ny henatra i Moaba! Ka ho
tonga antom-pihomehezana sy fampihorohoroana ho an'ireo rehetra izay manodidina azy i Moaba."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

40 Fa hoy Yaveh hoe: "Indro, ho avy hanidina toy ny voromahery ireo fahavalo, mamelatra ireo elany eo ambonin'i Moaba.
41 Voasamboatra i Keriota, ary babo ireo fiarovany mafy. Fa amin'izany fotoana izany dia ho tonga tahaka ny fon'ny
vehivavy mihetsi-jaza ny fon'ireo miaramilan'i Moaba.
42 Ka ho rava i Moaba ary tsy hisy vahoaka intsony, satria nanao ny tenany ho lehibe noho i Yaveh izy. 43 Horohoro sy
lavaka, ary fandrika no tonga eo aminareo, ry mponin'i Moaba—izany no fanambaran'i Yaveh. 44 Izay mandositra noho ny
fampihorohoroana dia hilatsaka ao anaty lavaka, ary ireo izay mihanika ny lavaka dia ho tratran'ny fandrika, fa hitondra
izany eo amin'izy ireo Aho amin'ny taonan'ny valifatiko amin'izy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh.
45 Izay mandositra dia hijoro tsy manan-kery eo amin'ny alok'i Hesbona, fa hivoaka avy ao Hesbona ny afo, ny lelan'afo
avy eo afovoan'i Sihona. Handevona ny handrin'i Moaba sy ny tampon-dohan'ny olona mpirehareha izany.
46 Loza ho anao, ry Moaba! Rava ny olon'i Kemosy. Fa alain-ko babo ireo zanakao lahy ary ireo zanakao vavy ho amin'ny
fahababoana. 47 Fa haveriko ireo haren'i Moaba amin'ny andro farany—izany no fanambaran'i Yaveh." Tapitra eo ny
fitsarana an'i Moaba.

49 1 Raha ny momban'ny vahoakan'i Amona, izao no ambaran'i Yaveh: "tsy manan-janaka ve ny Israely? Moa tsy misy
olona iray handova na inona na inona any Israely ve? Nahoana Malkana no hibodo an'i Gada, ary ny vahoakany
honina any amin'ny tanànany? 1 2 Koa indro, ho avy ny andro—izao no fanambaran'i Yaveh—rehefa hampaneno ny feo
famantarana ho an'ny ady hanohitra an'i Raba eo amin'ny vahoakan'i Amona Aho, koa ho tonga atontan-paharavana
izany ary ny zana-bohitrany dia ho dorana amin'ny afo. Fa Israely hanana ireo izay tsy nananany," Hoy Yaveh.
3 "Midradradradrà amin'ny fitarainana, ry Hesbona, fa ho rava i Ay! Mihikià, ry zanaka vavin'i Raba! Manaova lamba
fisaonana. Manaova fitarainana ary mihazakazaha fahatany, fa i Malkana dia ho lasan-ko babo, miaraka amin'ireo
mpisorony sy mpitarikany rehetra. 4 Nahoana ianao no mirehareha amin'ireo lohasahanao, ireo lohasahanao izay tena
mahavokatra be, ry zanaka vavy tsy manam-pinoana? Ianao izay mitoky amin'ny harenao ka manao hoe, 'Iza no ho avy
hanohitra ahy?'
5 Indro, hitondra fampihorohorona aminao Aho—izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro—izany
fampihorohorona izany dia ho tonga amin'ireo izay manodidina anao rehetra. Ny tsirairay aminareo dia hiparitaka
manoloana izany. Tsy hisy na iray aza hanangona ireo izay mitsoaka. 6 Nefa aorin'izany dia hamerina ireo harenan'ny
vahoakan'i Amona Aho—izany no fanambaran'i Yaveh."
7 Ny amin'i Edoma, izao no ambaran'i Yaveh Tompon'ny maro: "tsy misy fahendrena intsony ve hita ao Temana? Nisy toro-
hevitra tsara ve avy amin'ireo izay nanana fahazavan-tsaina? Niha-simba ve ny fahendren'izy ireo? 8 Mandosira!
miverena! mitoera any an-davaky ny tany, ry mponin'i Dedana. Fa mitondra ny lozan'i Esao eo aminy Aho amin'ny
fotoana izay hamaizako azy.
9 Raha tonga aminao ny mpioty voaloboka, moa tsy hanajanona kely amin'izany ve izy ireo? Raha tonga amin'ny alina ny
mpangalatra, tsy hangalatra mihoatra noho izay ilainy ve izy ireo? 10 Fa efa nampitanjaka an'i Esao Aho. Nampiseho ireo
toerany miafina Aho. Ary tsy ho afaka hanafina ny tenany izy. Ny zanany, ireo rahalahiny, ary ireo mpiara-monina aminy
dia noravana, dia lasa izy. 11 Ilaozy aoriana ireo kambotinao. Hiahy ny fiainan'izy ireo Aho, ary ny mpitondratenanao dia
afaka mitoky amiko."
12 Fa izao no fanambaran'i Yaveh: "Indro, ireo izay tsy mendrika izany dia tokony hisotro amin'ny kapoaka tokoa.
Mieritreritra ve ny tenanao fa handeha tsy ho saziana ianao? tsia, satria hisotro tokoa ianao. 13 Fa efa nianiana tamin'ny
tenako Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—fa i Bozra dia ho lasa horohoro, ho fahafaham-baraka, hampalahelo be, ary
ho zavatra fanozonana. Ny tanàna rehetra ho tonga faharavana mandrakizay.
14 Nandre vaovao tamin'i Yaveh Aho, ary nisy iraka nalefa tany amin'ireo firenena, 'Mivondrona ary tafio izy. Mivonòna
amin'ny ady.' 15 "Fa indro, nataoko kely ianao raha ampitahaina amin'ireo firenena hafa, ary tsinotsiniavin'ny amin'ny
olona.
16 Raha ny fahatahorana anao, dia namitaka anao ny avonavon'ny fonao, ry mponina eny amin'ny toeran'ny hantsana,
ianao izay nibahana ny havoana ambony indrindra mba hanaovanao ny akaninao ho ambony toy ny an'ny voromahery.
Ho ampidiniko avy eny ianao—izany no fanambaran'i Yaveh.
17 Ho horohoro ho an'izay mandalo eny amin'izany i Edoma. Ny olona rehetra toy izany dia hangovitra ary hisiotsioka
noho ny amin'ireo loza rehetra ireo. 18 Toy ny nandravana an'i Sodoma sy Gomora ary ireo mpiara-belona aminy, "hoy
Yaveh, "tsy hisy olona honina any; tsy misy vahoaka hijanona any.
19 Indro, hiakatra toy ny liona avy any amin'ny alan'i Jordana izy ho any amin'ireo tanin'ahi-maitso. Fa ho ampandosiriko
haingana amin'izany i Edoma, ary hametraka olona izay handray an-tanana izany aho. Fa iza no toa ahy, ary iza no
hiantso ahy? Mpiandry ondry iza no afaka hanohitra ahy?"
20 "Koa henoy ny hevitra izay notapahin'i Yaveh hanoherana an'i Edoma, ny fikasana izay efa nataony hanoherana ireo
mponin'i Temana. Ho taritarisiny eny rehetra eny tokoa izy ireo, na dia ny kely indrindra amin'ny ondry aza. Ireo
tanin'ahiny ho tonga toerana noravaina.
21 Nihozongozona ny tany tamin'ny feon'ny fianjeran'izy ireo. Ny feon'ny fitarainana dia re hatrany amin'ny Ranomasina
Mena. 22 Indro, misy olona hanafika toy ny voromahery, ka hidina ary hamelatra ny elany eo amin'i Bozra. Ary amin'izany
andro izany, ny fon'ireo miaramilan'i Edoma dia ho tonga toy ny fon'ny vehivavy mihetsi-jaza."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Ny amin'i Damaskosy: "Ho menatra i Hamata sy Arpada, fa nahare ny vaovao momba ny loza izy ireo. Ketraka izy ireo! hangovitra noho ny ranomasina izy ireo, izay tsy mety tony. [24]Mihaosa tokoa Damaskosy. Mivily handositra izany; azon'ny horohoro izany. Azon'ny fahoriana sy fanaintainana izany, toy ny fanaintainan'ny vehivavy miteraka. [25]Nahoana no tsy nafoy ny tanàna fiderana, ny tanàn-dehiben'ny fifaliako?
[26]Noho izany dia ho lavo eo amin'ny toerany ireo tovolahy, ary ireo lehilahy mpiady rehetra dia ho faty amin'izany andro izany—izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro." [27]"Fa handrehitra afo eo amin'ny rindrin'i Damaskosy Aho, ary handevona ireo fiarovana mafy ho an'i Beni-hadada izany."
[28]Ny amin'ny Kedara sy ny fanjakan'i Hazora, izao no nambaran'i Yaveh tamin'i Nebokadnezara(ary Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona dia hanafika ireo toerana ireo): "Mitsangana ka tafio Kedara ary aringano ireo vahoakan'ny atsinanana. [29]Ho alaina ireo lainy sy ireo ondry aman'osiny, miaraka amin'ireo lainy lamba ary ireo fitaovany rehetra; ho alaina amin'izy ireo ireo ramevany, ary hanao hiaka fifaliana amin'izy ireo ny olona, "Horohoro no eo amin'ny manodidina rehetra!"
[30]Mandosira! mandehana alavitra! Mijanona eo amin'ny ireo lavakin'ny tany, ry mponin'i Hazora—izany no fanambaran'i Yaveh—fa i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona dia efa nanao tetika hanoherana anao. Mandosira! miverena!
[31]Mitsangana! tafio ny firenena ao am-pitoniana, izay miaina amin'ny fiarovana," Hoy Yaveh. "Tsy manana vavahady na fanidiana any aminy izy ireo, ary ireo olony dia miaina amin'izy ireo.
[32]Ho robaina ireo ramevany, ary horobaina amin'ny ady ireo fananany maro be. Ary haeliko eny amin'ny rivotra rehetra eny ireo izay nanety ny sisim-bolony, ary hitondra loza amin'zy ireo eo amin'ny lafiny rehetra Aho—izany no fanambaran'i Yaveh. [33]Ho tonga fonenan'ny ambodia i Hazora, ho tany ngazana maharitra. Tsy misy honina any, tsy misy olona hijanona any."
[34]Izao no tenin'i Yaveh izay tonga tamin'i Jeremia mpaminany ny amin'i Elama. Izao no nitranga tamin'ny fiandohan'ny fanjakan'i Zedekia mpanjakan'ny Joda, ary hoy izy: [35]"Izao no nambaran'i Yaveh Tompon'ny maro: Indro, hanapaka ireo mpandefa tsipìka an'i Elama Aho, ain-dehibe ny herin'izy ireo. [36]Fa hitondra ireo rivotra efatra avy any amin'ny zoron'ny lanitra efatra Aho, ary hampiely ny vahoakan'i Elama amin'izany rivotra rehetra izany aho. Tsy misy firenena izay tsy ho alehan'ireo izay nahely tao Elama ireo.
[37]Ary hanorotoro an'i Elama eo anoloan'ireo fahavalony Aho ary eo anoloan'ireo izay mitady ny ainy. Fa hitondra loza hanoherana azy ireo Aho, ny fahatezerana amin'ny fahavinirako—izany no fanambaran'i Yaveh— ary handefa ny sabatra amin'izy ireo aho mandra-pahalany tamingana azy ireo. [38]Dia hametraka ny seza fiandrianako eo amin'i Elama Aho ary handringana ny mpanjakany sy ireo mpitarika avy ao—izany no fanambaran'i Yaveh— [39]ary hitsangana izany amin'ny andro farany izay hitondrako hiverina ireo harenan'i Elama—izany no fanambaran'i Yaveh."

---

[a]Fanamarihana: raha toa ka "Malkana", ny dikan-teny vaovao sasany manao hoe "ny mpanjakany"

---

50 [1]Izao ny teny nambaran'i Yaveh ny mahakasika an'i Babylona, ilay tanin'ireo Kaldeana, tamin'ny alalan'i Jeremia mpaminany: [2]"Tantero any amin'ireo firenena ary asaivo mihaino izy ireo. Asandrato ny famantarana ary asaivo mihaino izy ireo. Aza afenina izany. Lazao hoe: 'Babo i Babylona. Nalaina baraka i Bela. Nivadi-po i Merodaka. Nalaim-baraka ireo sampiny; nivadi-po ireo sarin-javany.'
[3]Hitsangana hamely azy ny firenena avy any avaratra, mba hahatonga ny taniny ho faharavana. Tsy misy, na olona na biby, hiaina ao amin'izany. Handositra izy ireo. [4]Amin'izany andro izany ary amin'izany fotoana izany—izany no fanambaran'i Yaveh_ny vahoakan'Israely sy ny vahoakan'i Joda dia hiara-tonga mba handeha amim-pitomaniana ary hitady an'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo. [5]Hanontany ny lalana mankany Ziona izy ireo ary hamakivaky izany, manao hoe: Handeha izahay ary hanatona an'i Yaveh amin'ny fanekena mandrakizay izay tsy ho adinoina."
[6]Ondry very ny oloko. Nitarika azy ireo any amin'ny lalan-diso any an-tendrombohitra ireo mpiandry ondrin'izy ireo; navilin'izy ireo erakin'ny havoana izy ireo. Nandeha izy ireo, ka nanadino ny toerana izay nonenany. [7]Ny olona rehetra izay nivoaka teo amin'izy ireo dia namiravira azy ireo. Hoy ireo fahavalony hoe: "Tsy meloka izahay, satria izy ireo dia nanota tamin'i Yaveh, fonenany marina izy ireo—dia i Yaveh, ilay fanantenan'ireo razamben'izy ireo.'
[8]Mialà ao afovoan'i Babylona; mivoaha avy ao amin'ny tanin'ny Kaldeana, aoka ianareo ho tahaka ireo osy lahy izay miala alohan'ny andehanan'ny ondry sisa. [9]Fa indro, efa an-dalam-pametrahana ny hetsika sy hanangana ny vondron'ireo firenena lehibe avy any avaratra hamely an'i Babylona Aho. Hifandamina hanohitra azy izy ireo. Ho samborina avy any i Babylona. Ho tahaka ny mpiady mahay izay tsy miverina tanam-polo ny zana-tsipìkan'izy ireo. [10]Ho lasa babo i Kaldea. Ho afa-po ireo rehetra izay mambabo azy—izany no fanambaran'i Yaveh.
[11]Mifaly, mankalaza ny fahababoan'ny lovako ianareo; mitsambikimbikina tahaka ny zanak'ondry eny amin'ny fihinanam-bilony ianareo; maneno tahaka ny soavaly mahery ianareo. [12]Ka ho afa-baraka tokoa ny reninareo; izay niteraka anareo dia ho menatra. Indro, ho kely indrindra amin'ireo firenena izy, ho tany efitra, tany maina, ary tany hay.
[13]Nohon'ny fahatezeran'i Yaveh, dia tsy honenana intsony, fa ho faharavana tanteraka i Babylona. Ny olona rehetra izay mandalo dia hangovitra noho i Babylona ary hisiotsioka nohon'ny feriny rehetra.
[14]Mifandamìna hamely an'i Babylona sy ny manodidina azy rehetra ianareo. Tsy maintsy hitifitra azy ny olona rehetra izay manenjana ny tsipìkany. Aza misy ajanona ny zana-tsìpikanareo, fa efa nanota tamin'i Yaveh izy. [15]Asandrato

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

manodidina azy rehetra ny hiakiaka! Efa voadidina izy; efa nianjera ireo tilikambony; voarodana ireo mandany, fa izany no valifatin'i Yaveh. Manaova valifaty eo aminy! Dia ataovy tahaka izay efa nataony!
[16]Aringano ny mpamboly izay mamafy ny voa sy izay mampiasa ny antsy fijinjana amin'ny fotoam-pijinjana ao Babylona. Aoka hiverina avy any amin'ny sabatry ny mpampahory ho any amin'ny vahoakany ny olona tsirairay; aoka izy ireo hiverina any amin'ny taniny.
[17]Israely dia ondry naparitaka sy noroahan'ny liona. Ny mpanjakan'i Asyria no namiravira azy ireo voalohany; ary taorian'izay, dia notapahin'i Nabokadnezara mpanjakan'i Babylona ireo taolany. [18]Noho izany izao no lazain'i Yaveh Tompon'ny maro, ilay Andriamanitr'Israely: "Indro, efa manafay ny mpanjakan'i Babylona sy ny taniny Aho, tahaka ny namaizako ny mpanjakan'i Asyria.
[19]Hamerina an'Israely any amin'ny tanindrazany Aho, hihinana Karmela sy Basana izy. Ary ho afa-po ao amin'ny tany havoan'i Efraima sy Gileada izy. [20]Amin'izany andro izany sy amin'izany fotoana izany, hoy i Yaveh, ho tadiavina ao Israely ny heloka, nefa tsy hahita. Hanontany ny momban'ny fahotan'i Joda Aho, nefa tsy hahita, fa hamela heloka ny sisa tavela izay namindrako fo Aho."
[21]"Mitsangàna hamely ny tanin'i Merataima, hamely izany sy ireo izay mponina Pekoda. Apetraho eo amin'ny sabatra izy ireo ary atokany ho an'ny faharavana—izany no fanambaran'i Yaveh—ataovy izay rehetra andidiako anareo. [22]Ao amin'ny tany ny feon'ny ady sy ny faharavana lehibe.
[23]Endrey ny nanapahana sy namotehana ny tantanan'ny tany rehetra. Indrisy fa tonga horohoro eo amin'ireo firenena i Babylona. [24]Nametrahako fandrika ianao ka tratra, ry Babylona, ary tsy nahafantatra izany ianao! Tratra sy voasambotra ianao, satria nanohitra an'i Yaveh.
[25]Efa nanokatra ny fitoeran'ny fitaovam-piadiany i Yaveh ary nentiny mivoaka ireo fitaovam-piadiana ho fanehoany ny fahatezerany. Misy asa ho an'i Yaveh Tompon'ny maro ao amin'ny tanin'ny Kaldeana. [26]Tafio avy lavitra izy. Sokafy ny fitoeram-bokany ary akorotano tahaka ny antontam-bary izy. Atokano ho an'ny faharavana izy. Aza avela hisy tavela ny aminy.
[27]Vonoy ny ombilahiny rehetra. Ampidino any amin'ny toerana famonoana ireo. Loza ho azy ireo, fa efa tonga ny androny—dia ny fotoana famaizana azy ireo. [28]Injany ny feon'ny fandosiran'izy ireo, dia ireo sisa tsy maty, avy tany amin'ny tany Babylona. Izy ireo no hitatitra ny valifatin'i Yaveh Andriamanitsika ho an'i Ziona, sy valifaty ho an'ny tempoliny."
[29]"Antsoy ireo mpandefa zana-tsipìka hamely an'i Babylona—ireo rehetra izay manenjana ny tsipìkany. Mitobia hamely azy, ary aza avela hisy afa-mandositra. Valio amin'izay efa nataony izy. Ataovy aminy araka ny izay efa fataony. Fa efa niantsy an'i Yaveh izy, dia ilay Masin'Israely. [30]Ka dia ho lavo eny amin'ny zoron-tanàna ireo tovolahiny, ary ho ringana ireo lehilahy mpiadiny rehetra amin'izany andro izany—izany no fanambaran'i Yaveh."
[31]"Indro, mamely anao Aho, ry mpirehareha—izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro—fa efa tonga ny andronao, ry mpirehareha, dia ny fotoana izay hamaizako anao.[32]Ka ho tafintohina sy ho lavo ireo mpirehareha. Tsy hisy hanangana azy ireo. Handrehitra afo eo amin'ireo tanànan'izy ireo Aho; handevona ny zava-drehetra manodidina azy izany.
[33]Izao no lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Nampahoriana ireo vahoakan'Israely, miaraka amin'ireo vahoakan'i Joda. Mbola notanan'ireo rehetra nisambotra azy izy ireo; nandà ny hamela azy ireo andeha izy ireo. [34]Mahery Ilay mpamonjy azy ireo. Yaveh Tompon'ny maro no Anarany. Handahatra ny amin'izy ireo marina Izy, mba hitondra fitsaharana ao amin'ny tany, ary mba hitondra fifandirana ho an'ireo mponin'i Babylona.
[35]Ny sabatra dia hamely an'ireo Kaldeana—izany no fanambaran'i Yaveh—ary hamely ny mponin'i Babylona, ireo mpitariny, ary ireo lehilahy hendriny. [36]Tonga hamely ireo izay manao tenin-tsikidy ny sabatra, mba hitonon-tena ho toy ny adala izy ireo. Tonga hamely ireo miaramilany ny sabatra, ka dia ho feno tahotra izy ireo. [37]Tonga hamely ireo soavaliny, ireo kalesiny ary ireo olona rehetra izay ao afovoan'i Babylona ny sabatra ka dia ho tonga tahaka ny vehivavy izy ireo. Tonga hamely ireo trano fitehirizany ny sabatra, ka ho voaroba izy ireo.
[38]Ho tonga eo amin'ireo ranony ny hain-tany, ka dia ho maina ireo. Fa tanin'ireo sampy tsy misy ilàna azy izy, ary miasa tahaka ny olona noverezin-tsain'ireo sampiny mahatsiravina izy ireo. [39]Ka ireo bibin'ny tany efitra miaraka amin'ireo ambodia no honina any, ary ny aostrisy tanora no hitoetra ao aminy. Fa amin'ny fotoana rehetra, dia tsy honenana intsony izy. Hatramin'ny taranaka fara mandimby, dia tsy honenana ao aminy.[40]Dia tahaka ny nandravan'Andriamanitra an'i Sodoma sy Gomora ary ireo manodidina azy—izany no fanambaran'i Yaveh—tsy hisy honina ao; tsy hisy olona hijanona ao aminy."
[41]"Indro, tonga ny vahoaka avy any avaratra, ho an'ny firenena lehibe sy ireo mpanjaka maro efa nisandratra avy any an-tany lavitra. [42]Haka tsipìka sy lefona izy ireo. Lozabe Izy ireo ary tsy manana fangoraham-po. Tahaka ny firohondrohon'ny ranomasina ny feon'izy ireo, ary mitaingin-tsoavaly mitan-dahatra tahaka ny lehilahy mpiady, hamely anareo izy ireo, ry zanaka vavin'i Babylona. [43]Nandre ny tatitr'izy ireo ny mpanjakan'i Babylona, ary nalemy nohon'ny horohoro ny tanany. Namely azy tahaka ny vehivavy miteraka ny fahoriana.
[44]Indro! Miakatra tahaka ny liona avy any ambonin'ny Jordana ho any amin'ny fitoeram-bilona maharitra izy. Fa ho ataoko mandositra faingana ao amin'izany izy ireo, ary hametraka olona voafidy hiandraikitra izany Aho. Fa iza no tahaka Ahy, ary iza no hiantso Ahy? Mpiandry ondry tahaka ny ahoana no ahatohitra Ahy?
[45]Koa henoy ary ireo fikasana izay nataon'i Yaveh hamelezana an'i Babylona, ireo fikasana izay efa nalaminy hamelezana ny tanin'ireo Kaldeana. Ho viraviraina tokoa izy ireo, eny fa na dia ny ondry kely indrindra aza. Ho lasa toerana rava ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tany fihinanam-bilon'izy ireo. [46]Amin'ny feon'ny faharesen'i Babylona dia mihorohoro ny tany, ary re amin'ireo firenena ny hiakam-pahorian'izy ireo."

51 [1]Izao no ambaran'i Yaveh: "Indro, handeha hampitsoaka ny rivotra mpandringana amin'i Babylona sy ireo izay monina ao Leba-Kamay Aho. [2]Handefa ireo vahiny ao Babylona Aho. Hanaparitaka azy izy ireo ary handravarava ny taniny, fa ho avy hanohitra azy avy amin'ny manodidina rehetra izy ireo amin'ny andron'ny loza.
[3]Aza avela handefa ireo zana-tsipíkany ireo mpandefa tsipíka, aza avela hanao ny akanjo fiarovany izy ireo. Aza mamindra fo amin'ireo tovolahiny; hatokany amin'ny fandravana ny tafiny rehetra. [4]Fa ny olona maratra dia hianjera ao amin'ny tanin'ireo Kaldeana, ireo izay voavono dia hianjera eny amin'ireo lalany.
[5]Fa Israely sy Joda dia tsy nafoin'ny Andriamaniny, Yaveh Tompon'ny maro, na dia feno ireo fandikan-dalàna manohitra ny Masin'Israely aza ny taniny. [6]Mandosira amin'ny afovoan'i Babylona. Aoka ny olona tsirairay samy hanavotra ny tenany. Aoka tsy ho ringana ao anatin'ny helony. Fa izao no fotoana hanaovan'Yaveh valifaty. Honerany ho azy ny rehetra amin'izany.
[7]Kapoaka volamena eo an-tanan'i Yaveh i Babylona izay nahamamo izao tontolo izao; nisotro ny divainy ireo firenena ka lasa very saina. [8]Hianjera tampoka Babylona ary ho ravaina. Midradradradrà ho azy! Omeo fanafody amin'ny fanaitainany izy; dia ho sitrana izy angamba.
[9]"Naniry ny hahasitrana an'i Babylona izahay, fa tsy sitrana izy. Aoka isika rehetra handao azy sy handeha lavitr, ho any amin'ny tanintsika. Fa mahatakatra lanitra ny helony; misavovona hatreny amin'ireo rahona izany. [10]Efa nanambara ny tsy fananantsika tsiny Yaveh. Avia, andeha isika hilaza amin'i Ziona ireo asan'i Yaveh Andriamanitsika.
[11]Ranito ireo zana-tsipíka ary alaivo ireo ampinga. Yaveh dia misarika ny mpanjakan'i Medesa amin'ny fikasana hamotika an'i Babylona. Izany dia ho an'ny valifatin'Yaveh, famaliana faty tamin'ny nandravana ny tempoliny. [12]Manandrata faneva eo ambonin'ireo mandan'i Babylona. Hamafiso ny fiambenana; mametraha mpiambina; ataovy vonona ireo otrika; fa hotanterahin'ny TOMPO ireo izay nolazainy mahakasika ny mponin'i Babylona.
[13]Ianareo mponina izay mipetraka eny amin'ireo moron-drano; Ianareo mponina izay manan-karena zava-tsarobidy, tonga ny fiafaranareo. Ny tadin'ny fiainanareo dia nafohezina ankehitriny. [14]Nianina tamin'ny ainy manontolo i Yaveh Tompon'ny maro hoe: "Ho fenoiko fahavalonao ianareo, tahaka ny fandringanan'ny valala; hanangana adim-pihorahana aminao izy ireo.'
[15]Nanao ny tany tamin'ny alalan'ny fahefany Izy; nametraka ny tany tamin'ny toerany izy avy tamin'ny fahendreny; namelatra ireo lanitra tamin'ny fahazavan-tsainy Izy. [16]Rehefa mitrerona Izy, dia misy rano mierona any an-danitra, Fa mitondra ny zavona avy any am-paran'ny tany izy. Manao tselatra ho an'ny orana Izy ary mamoaka ireo tafio-drivotra ao amin'ireo trano fitehirizany.
[17]Lasa bado ny olona rehetra, tsy manam-pahalalana. Ireo mpanefy vy rehetra dia ho menatra noho ireo sampiny. Fa fitaka ireo sarin-javatra an-idinany, ary tsy misy fiainana ao amin'izy ireny. [18]Tsy ilaina izy ireny, ireo asan'ny mpaniratsira; ho faty izy ireo amin'ny fotoanan'ny famaizana azy. [19]Fa Andriamanitra, ilay anjaran'i Jakoba, dia tsy mba tahaka izany, fa Izy no mpamolavola ny zavatra rehetra. Israely no fokon'ny lovany; Yaveh Tompon'ny maro no Anarany.
[20]Fa Ianao no fitaovam-piadiko, langilangy amin'ny adiko. Ianao no hanorotoroko ireo firenena sy hamotehiko ireo fanjakana. [21]Ianao no hanorotoroko ireo soavaly sy ireo mpitaingina azy; miaraka Aminao no hanorotoroko ireo kalesy sy ireo mpitondra azy.
[22]Ianao no hanorotoroko ny lehilahy sy ny vehivavy tsirairay avy; Ianao no hanorotoroko ny antitra sy ny tanora. Miaraka aminao no hanorotoroko ireo zatovo lahy sy ireo virjiny vavy. [23]Miaraka aminao no hanorotoroko ireo mpiandry ondry sy ireo ondry aman'osiny. Miaraka aminao no hanorotoroko ny mpiasa tany sy ireo tariny. Miaraka aminao no hanorotoroko ireo governora sy ireo manam-pahefana.
[24]Fa eo imasonao no hamaliko an'i Babylona sy ireo mponin'i Kaldea nohon'ny amin'ireo haratsiana rehetra izay nataon'izy ireo tao Ziona—izany no fanambaran'i Yaveh.
[25]Indro, manohitra anao Aho, ry tendrombohitry ny faharavana—izany no fanambaran'i Yaveh—izay mandrava ny tany manontolo. Haninjitra ny tanako hanohitra anao Aho ary hampikodiadia anao any amin'ireo hantsana, ary hanao anao ho tendrombohitra mirehitra Aho. [26]Ka tsy haka vato hanorenana zoron-trano sy fototra avy aminao izy ireo; fa ho lasa faharavana mandrakizay ianao_izany no fanambaran'i Yaveh.
[27]Manangàna faneva manerana ny tany. Tsofy manerana ireo firenena ny anjomara. Antsoy ireo firenena hamely azy: Ararata, Miny ary Askenaza. Manendre mpibaiko hamely azy; mitondrà soavaly tahaka ireo valala voloina. [28]Vonony ireo firenena hamely azy: ny mpanjakan'i Mediana sy ireo governorany, ny manam-pahefany rehetra ary ireo tany rehetra izay eo ambanin'ny fahefany.
[29]Fa hihorohoro sy ho ao anaty hirifiry ny tany, satria nitohy ny fikasan'i Yaveh hanohitra an'i Babylona, mba hahatonga ny tanin'i Babylona ho tany ngazana izay tsy misy mponina.
[30]Efa nijanona nitolona ireo miaramilan'i Babylona; nijanona tao amin'ireo fiarovany mafy izy ireo. Lefy ny herin'izy ireo; lasa vehivavy izy ireo—mirehitra ny tranon'izy ireo, tapaka ireo hidim-bavahadiny. [31]Ny mpitondra hafatra mihazakazaka mba hanambara hafatra any amin'ny mpitondra hafatra iray hafa, ary ny mpihazakazaka iray miteny amin'ny mpihazakazaka iray hafa mba hitatitra any amin'ny mpanjakan'i Babylona fa ity tanàna ity dia efa voasambotra

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hatrany farany. [32]Ka azo ireo fiampitana eny ambonin'ny rano, mandoro ireo volotara amin'ny afo miheniheny ireo fahavalo, ary very hevitra ireo lehilahy mpiadin'i Babylona.
[33]Fa Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, no miteny izao: tahaka ny famoloana ny zanaka vavin'ny Babylona. Fotoana hanosena azy izao. Ho avy aminy anaty fotoana fohy ny fotoam-pijinjana.
[34]Nolevonin'i Nebokadnezara mpanjakan'ny Babylona aho; nitondra ahy amin'ny fahaverezan-kevitra izy. Ary nataony ho vilany foana aho, nanatelina ahy tahaka ny biby goavam-be izy; nameno ny kibony tamin'ny hanim-piako izy; nandroaka ahy izy. [35]Izay monina ao Ziona hiteny hoe: "Aoka ny herisetra natao ahy sy tamin'ny nofoko ho amin'i Babylona." Ary hoy Jerosalema hoe: "Aoka ny rako ho amin'ireo mponin'i Kaldea."
[36]Koa izao no lazain'i Yaveh: "Handeha hisolo vava anao Aho ary hitondra valifaty ho anao. Fa ho ritiko ny ranon'i Babylona ary hanamaina ny loharanony Aho. [37]Fa ho lasa korontam-bato i Babylona, lavaka fieren'ny ambodia, horohoro, zavatra mampisiotsioka, izay tsy misy mponina.
[38]Hierona miaraka tahaka ireo liona tanora ireo Babyloniana. Hierona toy ny zana-diona izy. Raha lasa anaty fitiavam-bola tafahoatra izy ireo, hanao [39]fihinanambe ho azy ireo Aho, hamamoiko izy ireo ka ho faly ary dia hatory anaty torimaso tsy mety tapitra ka tsy hifoha intsony—izany no fanambaran'i Yaveh— [40]Ho alefako hidina any amin'ny famonoana tahaka ireo zanak'ondry, tahaka ny omby aman'ondry miaraka amin'ireo osy izy ireo.
[41]Endrey ny nahazoana an'i Babylona! Ka azo ny fideran'ny tany manontolo. Endrey fa tonga toerana ngazana eo amin'ireo firenena i Babylona. [42]Miakatra manerana an'i Babylona ny ranomasina! Voarakotrin'ireo onjany mierona izy.
[43]Tonga faharavana ireo tananany, tany maina sy efitra, tany izay tsy misy monina, ary tsy handalovana na olona iray aza.
[44]Ka ho faiziko ao Babylona i Bela; ho entiko hivoaka ny vavany izay nateliny ary ireo firenena dia tsy hikoriana aminy miaraka amin'ireo fanatitr'izy ireo. Hirodana ny mandan'i Babylona.
[45]Mivoaha eo amin'ny afovoany, ry oloko. Aoka ny tsirairay samy hanavotra ny tenany amin'ny fahaviniran'ny fahatezerako. [46]Aza avela ho menatra ny fonareo na hatahotra ny vaovao izay heno ao amin'ilay tany, fa ho avy amin'ny taona iray ireo vaovao. Aorian'izany amin'ny taona manaraka ihany koa dia hisy vaovao, ary ny herisetra dia ho ao amin'ny tany. Mpanapaka hanohitra mpanapaka.
[47]Koa, indro, tonga ny andro izay hanafaizako ireo sampy voasokitr'i Babylona. Ho menatra ireo taniny rehetra, ary ireo fatiny rehetra dia hianjera eo afovoany. [48]Ary ny lanitra sy ny tany, ary izay rehetra ao amin'izy ireo dia hifaly amin'ny Babylona. Fa ho avy aminy avy any avaratra ny mpandringana—izany no fanambaran'i Yaveh. [49]"Tahaka ny nampianjeran'i Babylona ny Israely voavono, no hianjeran'ireo voavono tao amin'ny taniny rehetra ao Babylona."
[50]Ry sisa velona amin'ny sabatra, mandeana! Aza mijanona. Tsarovy avy eny alavitra i Yaveh; aoka hotsaroina i Jerosalema. [51]Menatra izahay, fa naheno ireo teny maloto; nandrakotra ny tavanay ny fanamelohana, fa niditra tao amin'ireo fitoerana Masin'ny tranon'i Yaveh ireo vahiny.
[52]Koa, indro, tonga ny andro—izany no fanambaran'i Yaveh—izay hanafaizako ireo sampy voasikony, dia hisento amin'ny taniny rehetra ny vahoaka maratra. [53]Fa na dia miakatra eny amin'ny lanitra aza i Babylona na manamafy ireo fiarovany mafy avo indrindra aza izy, dia ho avy aminy ireo mpandringana avy amiko—izany no fanambaran'i Yaveh.
[54]Ny hiakan'ny fahoriana dia avy any Babylona, firodanana lehibe avy any amin'ny tanin'ireo Kaldeana. [55]Fa Yaveh dia mandrava an'i Babylona. Izy no mampitsahatra ireo fihorakorahana mafy. Mierona tahaka ireo onjan-drano ireo fahavalony; mihamafy ireo tabatabany. [56]Fa tonga hanohitra azy ny mpandringana—manohitra an'i Babylona! —ary ireo lehilahy mpiadiny dia efa voasambotra. Tapaka ireo tsipíkany, fa Yaveh no Andriamanitrin'ny famaliana; fa hitondra izany famaliana izany tokoa Izy.
[57]Fa hataoko mamo ireo andriandahiny, ireo olo-kendriny, ireo manam-pahefany, ary ireo miaramilany, dia hatory anaty torimaso tsy misy fiafarany izy ireo ary tsy hifoha intsony—izao no fanambaran'ny mpanjaka: Yaveh Tompon'ny maro no anarany. [58]Yaveh Tompon'ny maro miteny izao: "Ho rava tanteraka ny manda matevin'i Babylona ary hodorana ireo vavahadiny avo. Dia ireo vahoaka izay tonga hanampy azy dia ho sasa-poana; ny zava-drehetra izay ezahin'ireo firenena atao ho azy dia hodorana."
[59]Izao no teny izay nandidian'i Jeremia mpaminany an'i Seraia zanaka lahin'i Neria zanaka lahin'i Mahaseia rehefa nandeha ho any Babylona izy niaraka tamin'i Zedekia mpanjakan'ny Joda tamin'ny taona fahaefatra nanjakany. Fa tonga ho lehiben'ny manam-pahefana i Seraia. [60]Fa efa nanoratra ireo loza rehetra izay ho avy amin'i Babylona tao anaty horonan-taratasy i Jeremia—ireo teny rehetra izay voasoratra mahakasika an'i Babylona.
[61]Niteny tamin'i Seraia i Jeremia hoe: "Rehefa mankany Babylona ianao, dia hahita sy hamaky mafy ireo teny ireo. [62]Dia hiteny ianao hoe: "Yaveh, Ianao mihintsy no nanambara fa ho ravainao ity toerana ity, ary tsy hisy olona na biby hiaina ao aminy, ary ho rava mandrakizay izy.
[63]Dia rehefa vitanao ny famakiana io horonan-taratasy io, dia afatory amin'ny vato izany ary atsipazo eny afovoan'ireo Eofrata. [64]Lazao hoe: "Ho rendrika tahaka izany i Babylona. Tsy ho tafatsangana izy noho ireo loza izay alefako hanohitra azy, dia hianjera izy." Tapitra eto ny tenin'i Jeremia.

52 [1]Iraika amby roapolo taona i Zedekia raha nanomboka nanjaka; nanjaka iraika ambin'ny folo taona tao Jerosalema izy. Hamotala no anaran-dreniny; izy dia zanaka vavin'i Jeremia avy any Libna. [2]Nanao izay ratsy teo imason'i Yaveh izy; nanao izay rehetra efa nataon'i Joiakima izy. [3]Tamin'ny fahatezeran'i Yaveh, no nitrangan'ireo zavatra rehetra ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tany Jerosalema sy Joda, ambara-pandroahany azy ireo tsy ho eo anoloany. Ary nikomy tamin'ny mpanjakan'i Babylona i Zedekia.
[4]Ary tamin'ny taona fahasivy nanjakan'i Zedekia mpanjaka, tamin'ny volana fahafolo, ary tamin'ny andro fahafolon'ny volana, dia tonga niaraka tamin'ireo tafiny i Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona, mba hanohitra an'i Jerosalema. Nitoby tandrifin'izany izy ireo, ary nanorina tilikambo nanodidina izany. [5]Koa dia natao fahirano ny tanàna hatramin'ny fahiraika ambin'ny folon'ny taona nanjakan'i Zedekia mpanjaka.
[6]Tamin'ny volana fahefatra, tamin'ny andro fahasivy tamin'izany taona izany, dia nirongatra tao an-tanàna ny mosary fa tsy nisy sakafo ho an'ny mponin'ny tany. [7]Ary dia rava ny tanàna, ary ireo lehilahy mpiady rehetra dia nirifatra nandositra sy nivoaka ny tanàna ny alina teo amin'ny vavahady izay teo anelanelan'ny rindrina anankiroa, teo akaikin'ny zaridain'ny mpanjaka, na dia nanodidina ny tanàna aza ny Kaldeana. Dia nizotra nankany Araba izy ireo. [8]Kanefa nanenjika ny mpanjaka ireo tafiky ny Kaldeana ary nahatratra an'i Zedekia teo amin'ny tany hain'ny lohasahan'ny Ony Jordana izay akaikin'i Jeriko. Naparitaka niala teo aminy ireo tafiny rehetra.
[9]Nosamborin'izy ireo ny mpanjaka ary nentiny niakatra tany amin'ny mpanjakan'i Babylona tany Ribla tao amin'ny tany Hamata, izay nitsarany azy. [10]Namono ireo zanaka lahin'i Zedekia teo imasony ny mpanjakan'i Babylona, ary tany Ribla dia namono ireo mpitarika ny Joda rehetra ihany koa izy. [11]Ary nesoriny ny mason'i Zedekia, ka nofatorana tamin'ny rojo varahina izy, ary nentina tany Babylona. Nalefan'ny mpanjakan'i Babylona tany am-ponja izy ambara-pahafatiny.
[12]Ary tamin'ny volana fahadimy, tamin'ny andro fahafolon'ny volana, izay fahasivy ambin'ny folo taona nanjakan'i Nebokadnezara mpanjaka, mpanjakan'i Babylona, dia tonga tany Jerosalema i Nebozaradana. Izy no mpifehy ireo mpiambina ny mpanjaka ary mpanompon'ny mpanjakan'i Babylona. [13]Nandoro ny tranon'i Yaveh, ny lapan'ny mpanjaka, ary ireo tranon'i Jerosalema rehetra izy; ary nodorany ihany koa ny trano lehibe manan-danja rehetra. [14]Raha ny amin'ireo manda manodidina an'i Jerosalema, dia efa namotika azy ireo ny tafiky ny Babyloniana rehetra izay niaraka tamin'ny mpifehy ny mpiambina ny mpanjaka.
[15]Raha ny amin'ireo olona mahantra indrindra, ireo olona sisa tavela tao an-tanàna, ireo izay efa nandositra ho any amin'ny mpanjakan'i Babylona, ary ireo sisa tamin'ireo mpanao asa tanana_dia nataon'i Nebozaradana, ilay mpifehy ny mpiambina ny mpanjaka ho babo ny sasany tamin'izy ireo. [16]Fa i Nebozaradana, ilay mpifehy ny mpiambina ny mpanjaka, namela ny sasany tamin'ireo mahantra indrindra an'ilay tany mba hiasa ireo tanim-boaloboka sy ireo saha.
[17]Raha ny amin'ireo andry varahina izay an'ny tranon'i Yaveh, sy ireo fitoeran-tavin-drano ary ireo tavin-drano varahina izay an'ny tranon'i Yaveh, dia nopotehin'ireo Kaldeana ary nentiny niverina tany Babylona avokoa ireo varahina rehetra.
[18]Ireo vilany, angady, fanaovan-jiro, lovia, ary ireo kojakoja vita amin'ny varahina izay nanompoan'ireo mpisorona tao an-tempoly—dia nentin'ireo Kaldeana avokoa. [19]Ny tavy fanaovana lavenon-jiro sy ireo fandorana ditin-kazo manitra, ireo lovia, ireo vilany, ireo fitoeran-jiro, ireo lasitra, ireo tavin-drano izay vita tamin'ny volamena, sy ireo vita tamin'ny volafotsy—dia nentin'ilay mpifehy ny mpiambina ny mpanjaka ihany koa.
[20]Ireo andry roa, ny tavin-drano, ary ireo omby varahina izay teo ambanin'ireo fitoeran-tavin-drano, zavatra izay namboarin'i Solomona ho an'ny tranon'i Yaveh, dia feno varahina maromaro izay nisinisy lanjany ihany. [21]Ireo andry dia samy valo ambin'ny folo hakiho avokoa ny haavony, ary ny tsipika manodidina azy ireo dia nirefy roa ambin'ny folo hakiho. Samy fanondro efatra ny hateviny ary samy poakat.
[22]Kapitaly varahina no teo an-tendron'izany. Dimy hakiho no haavon'ilay kapitaly, miaraka amin'ny harato sy ampongabendanitra manodidina azy. Vita tamin'ny varahina daholo izany. Ilay andry iray hafa sy ny ampongabendaniny dia mitovy amin'ilay iray voalohany ihany.[23]Koa dia ampongabendanitra enina amby sivi-folo noho izany no teo ankilan'ilay kapitaly, ary ampongabendanitra zato no teo ambonin'ilay harato manodidina.
[24]Ilay mpifehy ny mpiambina ny mpanjaka dia nisambotra an'i Seraia, ilay mpisoronabe, niaraka tamin'i Zefania, ilay mpisorona faharoa, ary ireo mpiandry vavahady telo.[25]Tao an-tanàna no nisamborany manam-pahefana iray izay nisahana ireo miaramila, sy lehilahy fito tamin'ireo izay nanolo-tsaina ny mpanjaka, izay mbola tao an-tanàna. Nisambotra ny manamboninahitry ny tafiky ny mpanjaka izay mpandrafitra ny tafika, miaraka tamin'ireo olona manan-kaja enimpolo avy amin'ny tany izay tao an-tanàna ihany koa izy.
[26]Ary dia nalain'i Nebozaradana, ilay mpifehy ny mpiambina ny mpanjaka izy ireo ary nentiny tany amin'ny mpanjakan'i Babylona tany Ribla. [27]Novonoin'ny mpanjakan'i Babylona tany Ribla tany amin'ny tanin'i Hamata izy ireo. Tamin'izany fomba izany, no nitondrana ny Joda ho babo niala tao amin'ny taniny.
[28]Ireto no olona nobaboin'i Nebokadnezara: tamin'ny taona fahafito, Jiosy 3. 023. [29]Tamin'ny fahavalo ambin'ny folo taona nanjakan'i Nebokadnezara dia naka olona 832 avy tany Jerosalema izy. [30]Tamin'ny fahatelo amby roapolo taona nanjakan'i Nebokadnezara, dia nambabo vahoaka Jiosy 745 i Nebozaradana, ilay mpifehy ireo mpiambina ny mpanjaka. Miisa 4600 ny fitambaran'ireo babo rehetra.
[31]Ary tamin'ny andro fahadimy amby roapolon'ny volana, tamin'ny volana faharoa ambin'ny folo, tamin'ny faraparan'ny taona fahafito amby telopolo naha-babo an'i Jekonia, dia nanafaka an'i Joiakina mpanjakan'ny Joda tany am-ponja i Evila-merodaka, mpanjakan'i Babylona. Tamin'ny fotoana nanombohan'i Evila-Merodaka nanjaka no nisehoan'izany.
[32]Niresaka am-pahatsorana taminy izy ary nanome azy toerana ambony kokoa noho ireo mpanjaka hafa izay niaraka taminy tany Babylona. [33]Nanala ny fitafiana maha-voafonja an'i Joiakina i Evila-merodaka, ary nihinana tsy tapaka teo an-databatry ny mpanjaka tamin'ny andro sisa niainany i Joiakina, [34]ary nomena hanina ara-dalàna isan'andro izy tamin'ny andro sisa niainany ambara-pahafatiny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Fitomaniana

1 [1]Ilay tanàna izay feno olona tamin'izany dia mitoetra irery ankehitriny. Lasa tahaka ny mpitondratena izy, na dia firenena nahery aza. Izy no andriambavy teo amin'ireo firenena, saingy noterena ho amin'ny fanandevozana ankehitriny. [2]Mitomany sy midradradradra izy amin'ny alina, ary mandrakotra ny takolany ireo ranomasony. Tsy nisy tamin'ireo tia azy mba nampionona azy. Namadika azy ny namany rehetra. Lasa fahavalony izy ireo.
[3]Taorian'ny fahantrana sy fahoriana, dia nalefa ho sesitany i Joda. Miaina eo amin'ireo firenena izy ary tsy mahita fitsaharana. Ireo mpanenjika azy rehetra dia nanahatratra azy tao amin'ny fahakiviany.
[4]Misaona ireo lalan'i Ziona satria tsy misy na iray aza tonga amin'ireo fanasana voatondro. Lao ny vavahadiny rehetra. Misento ireo mpisorony. Malahelo mafy ireo virijininy ary izy tenany dia ao anatin'ny fahoriana tanteraka. [5]Lasa tompony ireo fahavalony; niroborobo ireo fahavalony. Nampahorian'i Yaveh izy noho ireo fahotany maro. Ireo zanany kely dia lasan-ko babo any amin'ny fahavalony.
[6]Niala tamin'ny zanakavavin'i Ziona ny hatsaran-tarehy. Lasa tahaka ny serfa izay tsy mahita ahitra ireo zanak'andriany, ary mandeha tsy misy hery eo anoloan'ny mpanenjika azy izy ireo.
[7]Amin'ireo androm-pahoriany sy tsy hananany fialofana, dia hahatsiaro ireo harena sarobidy rehetra izay nananany tamin'ny androny fahiny i Jerosalema. Rehefa lavo teo an-tanan'ireo fahavalony ny olony, dia tsy nisy nanampy azy. Nahita azy ireo fahavalony ary niomehy tamin'ny faharavany.
[8]Nanota be Jerosalema, noho izany, dia nalaim-baraka tahaka ny zavatra maloto izy. Ireo rehetra nanome voninahitra azy dia manao tsinontsinona azy ankehitriny hatramin'ny nahitan'izy ireo ny fitanjahany. Misento izy ary miezaka mihodina.
[9]Tonga naloto tao ambany zipony izy. Tsy nihevitra ny ho aviny izy. Nahatsiravina ny fianjerany. Tsy nisy na iza na iza nankahery azy. Nitaraina izy hoe: "Jereo ny fahoriako, ry Yaveh, fa nanjary tena lehibe ny fahavalo.
[10]Nametraka ny tanany teo amin'ireo harena sarobidy rehetra ny fahavalo. Efa nahita ireo firenena niditra tao amin'ny fitoerana masiny izy, na dia efa nobaikonao tsy hiditra ao amin'ny toeran'ny fiangonanao aza izy ireo.
[11]Misento avokoa ireo olony rehetra raha nitady mofo izy ireo. Natakalo mofo ireo harena sarobidy mba hampiverina ny ain'izy ireo. Jereo, ry Yaveh, ka diniho aho, satria tonga zava-poana aho. [12]Tsy misy dikany aminareo ve, ianareo rehetra izay mandalo? Jereo ka aoka ho hitanao raha misy alahelon'olona tahaka ny alahelo izay mianjady amiko, hatrizay nampijalian'i Yaveh ahy tamin'ny andron'ny hasiakan'ny fahatezerany.
[13]Avy any amin'ny avo no nandefasany ny afo tamin'ireo taolako, ary nahazo azy izany. Namelatra harato ho an'ny tongotro Izy ary nampiverina ahy. Nataony lao sy reraka foana aho. [14]Ny ziogan'ireo fandikan-dalàko dia niara-nafatony tamin'ny alalan'ny tanany. Nampifandraisina ireo ary napetraka teo an-tsoroko. Nandavo ny heriko izy. Nomen'ny Tompo ho eo an-tanan'izy ireo aho, ka tsy tafatsangana.
[15]Nampisamboaravoara ireo lehilahy maheriko izay niaro ahy ny Tompo. Efa niantso ny fiangonana hanohitra ahy izy mba hamotika ireo lehilahiko matanjaka. Nanitsakitsaka ny zanakavavy virijinin'i Joda tao amin'ny famiazam-boaloboka ny Tompo.
[16]Mitomany aho noho ireo zavatra ireo. Ny masoko, mikoriana amin'ny masoko ny rano satria lavitra ahy ireo mpankahery izay tokony hampitraka ny fiainako. Lao ireo zanako satria nandresy ny fahavalo. [17]Namelatra ny tanany i Ziona; tsy nisy na iza na iza nankahery azy. Nibaiko i Yaveh fa ireo izay manodidina an'i Jakoba dia tokony ho fahavalony. Zava-maloto amin'izy ireo i Jerosalema.
[18]Marina i Yaveh, fa izaho no nikomy hanohitra ny didiny. Mihainoa, ianareo ry olona rehetra, ary jereo ny alaheloko. Lasan-ko babo ireo virijiniko sy ireo olo-maheriko. [19]Miantso ireo namako aho, nefa namitaka ahy izy ireo. Maty tao an-tanàna ireo mpisoroko sy ireo loholoko, raha nitady sakafo hampody ny ainy izy ireo.
[20]Indro, ry Yaveh, fa ao anaty fahoriana aho, ary mangotika ny vavoniko, torotoro ao anatiko ny foko, satria tena nikomy tokoa aho. Eny ivelany, dia mampahory ny reny ny sabatra, tsy misy afa-tsy fahafatesana ao an-trano.
[21]Nandre ny fitarainako izy ireo, nefa tsy nisy nankahery ahy. Nandre ny fahoriako ireo fahavaloko rehetra ary faly izy ireo fa vitanao izany. Efa nitondra ny andro nampanantenainao Ianao; ary aoka izy ireo ho lasa tahaka ahy ankehitriny.
[22]Aoka ny faharatsian'izy ireo rehetra ho tonga eo anoloanao. Ataovy tahaka ny nanaovanao ahy noho ireo fahotako rehetra izy ireo. Maro ny fitarainako ka reraka ny foko.

2 [1]Nanarona ny zanakavavin'i Ziona tao ambanin'ny rahon'ny fahatezerany ny Tompo. Nariany avy eny an-danitra tamin'ny tany ny famirapiratan'Israely. Tsy nahatsiaro ny fitoeran-tongony Izy tamin'ny andron'ny fahatezerany. [2]Efa nitelina sy tsy nanana antra tamin'ny tanàn'i Jakoba rehetra ny Tompo. Tamin'ny andron'ny fahatezerany no nandravany ireo tanàna mimandan'ny zanakavavin'i Joda; tamin'ny fahafaham-baraka no nanjerany ny fanjakana sy ireo mpanapany tamin'ny tany.
[3]Tamin'ny fahatezerana mafy no nanapahany ny tandrok'Israely rehetra. Nalàny teo anoloan'ny fahavalony ny tanany ankavanana. Nodorany tahaka ny afo midedadeda izay mandrapaka ny zava-drehetra manodidina azy i Jakoba. [4]Tahaka ny fahavalo no nanenjanany ny tsipìkany tamintsika, vonona ny hitifitra ny ankavanany. Novonoiny ireo rehetra izay tena nankasitraka Azy tao amin'ny lain'ny zanakavavin'i Ziona; narotsany tahaka ny afo ny hatezerany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Nanjary toy ny fahavalo ny Tompo. Nateliny i Israely. Nateliny avokoa ny lapany rehetra. Efa noravany ireo fiarovany mafy. Nampitomboiny ny fisaonana sy ny fitomaniana teo amin'ny zanaka vavin'i Joda. [6]Namely ny tabernakeliny tahaka ny trano bongo an-jaridaina Izy. Noravany ny fitoeran'ny fiangonana manetriketrika. Efa nampanadino ny fiangonana manetriketrika sy ny Sabata tao Ziona i Yaveh, fa efa nataony tsinontsinona tamin'ny tsy fahamendrehan'ny fahatezerany ny mpanjaka sy ny mpisorona.
[7]Nanary ny alitarany ny Tompo ary nandà ny fitoerany masina. Nomeny teo an-tanan'ny fahavalo ny mandan'ireo lapany. Nanandratra hiaka tao an-tranon'i Yaveh, toy ny amin'ny androm-panasana voatondro izy ireo.
[8]Nanapan-kevitra ny hanimba ny mandan'ny tanànan'ny zanakavavin'i Ziona i Yaveh. Nenjaniny ny tady fandrefesana ary tsy nihazona ny tanany tsy handrava ny manda Izy. Nampitomany ny tovon-tany sy ny manda Izy; niara-nirodana ireo. [9]Nianjera tamin'ny tany ireo vavahadiny; narodany sy novakiany ny hidin'ireo vavahadiny. Ny mpanjakany sy ireo andriany dia teo amin'ireo firenena, tsy nisy intsony ny lalàna tsy nahita fahitana avy tamin'i Yaveh ireo mpaminaniny.
[10]Nipetraka tamim-pahanginana tamin'ny tany ireo loholon'ny zanakavavin'i Ziona. Nanipy vovoka teo an-dohany izy ireo ary nanao lamba fisaonana. Nanondrika ny lohany tamin'ny tany ireo virijinin'i Jerosalema.
[11]Pahin'ny ranomaso avy aminy ireo ny masoko; mangotika ny vavoniko; niraraka tamin'ny tany ny tao anatiko nohon'ny faharinganan'ny zanaka vavin'ny oloko, ny fahararerahan'ireo ankizy sy ny zaza eny amin'ireo lalan'ny tanàna. [12]Hoy izy ireo amin'ny reniny: "Aiza ny vary sy ny divay?" raha reraka tahaka ny olona maratra eny amin'ny lalan'ny tanàna izy ireo, niraraka teny an-tratran'ireo reniny ny ain'izy ireo.
[13]Inona no azoko lazaina aminao, ry zanakavavin'i Jerosalema? Amin'ny inona ianao no ampitahaiko, mba ahafahako mampionona anao, ry zanaka vavy virijinin'i Ziona? Ny ratranao dia lehibe tahaka ny ranomasina. Iza no afaka hanasitrana anao? [14]Efa nahita fahitana diso sy tsy mendrika ho anao ireo mpaminaninao. Tsy nampiharihary ny helokao mba hamerenana ny harenao izy ireo, fa nanome teny diso sy mamitaka ho anao izy ireo.
[15]Ireo rehetra izay mandalo eny an-dalana dia miteha-tanana anao. Misitrisitra sy mihifikifi-doha amin'ny zanakavavin'i Jerosalema izy ireo sady miteny hoe: "Fa tsy ity ve ilay tanàna izay nantsoin'izy ireo hoe 'Ilay fahatsarana tonga lafatra,' 'Ilay Fifaliana ho an'ny tany rehetra'?" [16]Manoka-bava sy maneso anao ny fahavalonao rehetra. Manao fihomehy maneso sy mihidy vazana izy ireo sady miteny hoe: "Efa natelinay izy! Ity ilay fotoana efa nandrasanay! Niaina mba hijery izany izahay!"
[17]Nataon'i Yaveh izay nokasainy atao. Nanatanteraka ny teniny Izy. Noravainy tsy nisy hantra ianao, fa nanome alalana ny fahavalo mba hifaly eo aminao Izy; nasandrany ny tandrok'ireo fahavalonao.
[18]Nitaraina tamin'ny Tompo ny fon'izy ireo, dia ireo mandan'ny zanakavavin'i Ziona! Arotsaho tahaka ny renirano andro aman'alina ny ranomasonao. Aza manome fitsaharana ho an'ny tenanao, fitsaharana ho an'ny masonao. [19]Mifohaza, mitalahoa amin'ny alina, dia amin'ny fiandohan'ny fiambenana alina! Araraho tahaka ny rano eo anatrehan'ny tavan'ny Tompo ny fonao. Asandrato ho Azy ny tananao ho an'ny ain'ireo zanakao izay reraky ny hanoanana eo an-joron-dalana rehetra."
[20]Jereo, ry Yaveh, ka hevero ireo izay nanao izany fomba izany. Moa ve tokony hihinana ny naloaky ny kibony ireo vehivavy, dia ireo zanaka izay nokarakarainy? Moa ve tokony ho vonoina ao amin'ny fitoerana masin'ny Tompo ny mpisorona sy ny mpaminany?
[21]Samy mandry eo amin'ny vovok'ireo lalana ny tanora sy ny antitra. Lavon'ny sabatra ireo tovovaviko sy ireo tovolahiko; novonoinao tsy misy hantra izy ireo. [22]Nantsoinao, tahaka ny niantsoanao ny olona ho amin'ny andro firavoravoana, nanodidina ahy rehetra ny horohoroko, tamin'ny andron'ny fahatezeran'i Yaveh dia tsy nisy afa-nandositra na tafavoaka velona; ireo izay efa nokarakaraiko sy nobeaziko, dia noringanin'ny fahavaloko.

3 [1]Izaho dia olona izay nahita fahoriana teo ambanin'ny tsorakazon'ny fahatezeran'i Yaveh. [2]Notarihany sy nampandehanany tamin'ny maizina aho fa tsy tamin'ny mazava. [3]Azo antoka fa namadika ny tanany hanohitra ahy foana Izy, nandritry ny tontolo andro. [4]Nataony malazo ny nofoko sy ny hoditro; notapahany ireo taolako.
[5]Nanangana fahirano hanohitra ahy Izy, ary nohodidininy zava-mangidy sy zava-tsarotra aho. [6]Nametraka ahy tao amin'ireo toerana maizina, toy ireo izay efa maty efa ela Izy. [7]Nanangana manda nanodidina ahy Izy ka tsy afaka nitsoaka Aho. Nataony mavesatra ireo rojoko [8]ary na dia miantso mafy sy miantso vonjy aza aho, dia ampangininy ny fivavako.
[9]Nobahanany tamin'ny manda vita tamin'ny vato voapaika ny lalako; nataony ho meloka ny lalako. [10]Tahaka ny bera miandry hanafika ahy tampoka Izy, liona ao amin'ny fiafenany; [11]naviliny ny lalako, nataony nitoka-monina aho.
[12]Nanenjana ny tsipìkany Izy ary nametraka ahy toy ny kendrin'ny zana-tsipìkany. [13]Nandefona ny voako tamin'ireo zana-tsipìkany tao amin'ny fitoeran'izany Izy. [14]Lasa tahirim-pihomehezana ho an'ny oloko rehetra aho, zavatry ny fanesoan'izy ireo tontolo andro. [15]Nofenoiny fahangidiana aho ary notereny hisotro zava-mahafaty.
[16]Notorotoroiny tamin'ny sila-bato ny nifiko; natosiny tao anaty vovoka aho. [17]Nesorina tamin'ny fiadanana ny fanahiko; adinoko ny atao hoe hafaliana. [18]Ka dia hoy aho hoe: "Levona ny faharetako ary toy izany koa ny fanantenako amin'i Yaveh."
[19]Tsarovy ny fahoriako sy ny firenireniko, ilay zava-mahafaty sy zava-mangidy. [20]Tsaroko foana izany ary mitanondrika ao anatiko aho. [21]Fa tsaroako izany ka dia manana fanantenana aho.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Ny fitiavana tsy miovan'i Yaveh dia tsy misy fitsaharana ary tsy misy fiafarany ny fangoraham-pony, [23]vaovao isa-maraina ireo; lehibe ny fahatokianao. [24]"Yaveh no lovako," hoy aho, noho izany dia hanantena Azy aho.
[25]Yaveh dia tsara ho an'ireo izay miandry Azy, ho an'ireo izay mitady Azy. [26]Tsara ny miandry amim-pahanginana ny famonjen'i Yaveh. [27]Tsara ho an'ny olona ny hitondrany ny zioga tamin'ny fahatanoràny. [28]Aoka izy hipetraka irery amim-pahanginana, rehefa apetraka eo aminy izany. [29]Aoka izy hametraka ny vavany eny amin'ny vovoka—angamba hisy ny fanantenana.
[30]Aoka izy hanome ny takolany an'izay mamely azy, ary aoka ho feno fahafaham-baraka izy. [31]Fa tsy handà antsika mandrakizay ny Tompo, [32]fa na dia mahatonga alahelo aza Izy, dia hanana fangoraham-po araka ny habetsaky ny fitiavany tsy mivadika. [33]Satria tsy mampahory ny ao am-pony na mampijaly ireo zanak'olombelona Izy.
[34]Ny manitsakitsaka ireo voafonja rehetra eto an-tany, [35]ny mandà ny rariny ho an'ny olona eo anatrehan'ilay Avo Indrindra, [36]ny mandà ny rariny ho an'ny olona iray— dia tsy eken'ny Tompo ny zavatra tahaka izany!
[37]Iza no niteny ka nitranga izany, raha tsy hoe nanaiky izany Yaveh? [38]Moa tsy avy amin'ny vavan'ilay Avo Indrindra ve no hiavian'ireo loza sy ny tsara? [39]Ahoana no hitarainan'ny olona velona rehetra? Ahoana no hahafahan'ny olona mitaraina momban'ny sazin'ireo fahotany?
[40]Andeha isika handinika ireo lalantsika ary hitsapa azy ireo, ary andeha isika hiverina any amin'i Yaveh. [41]Andeha isika hanandratra ny fontsika sy ny tanantsika amin'Andriamanitra any an-danitra hoe: [42]"Nandika sy nikomy izahay, ary tsy namela heloka Ianao. [43]Nandrakotra ny tenanao tamin'ny hatezerana Ianao ary nanenjika anay, namono Ianao ary tsy namindra fo.
[44]Nandrakotra ny tenanao tamin'ny rahona Ianao mba tsy hisy vavaka afaka ho tafiditra. [45]Nataonao toy ny lo maloto sy nolavina teo amin'ireo firenena izahay. [46]Manozona anay ireo fahavalonay rehetra, [47]tonga taminay ny tahotra sy ny fandrika, ny faharavana sy fahapotehana.
[48]Mikoriana rian-dranomaso ireo masoko satria rava ny oloko. [49]Handrotsa-dranomaso tsy misy fitsaharana, tsy misy fihatoana ireo masoko, [50]mandra-pijeriny ambany ka hahita avy eny an-danitra Yaveh.
[51]Miteraka alahelo ho ahy ny masoko noho ireo zanakavavin'ny tanànako rehetra. [52]Nohazain'ireo fahavaloko toy ny vorona aho; nohazain'izy ireo tamin'ny tsy misy antony aho. [53]Natsipin'izy ireo tao anaty lavaka aho ary notorahan'izy ireo vato, [54]ary norarahana rano ny lohako. Hoy aho hoe: "ho faty aho!"
[55]Niantso ny anaranao, avy ao amin'ny halalin'ny lavaka aho, ry Yaveh. [56]Renao ny feoko rehefa niteny aho hoe: "Aza manampina ny sofinao amin'ny antso vonjiko." [57]Nanakaiky Ianao tamin'ny andro niantsoko Anao; hoy Ianao hoe: "Aza matahotra."
[58]Tompo o, niaro ny adiko Ianao, nanavotra ny aiko Ianao! [59]Ry Yaveh, hitanao ny ratsy nataon'izy ireo tamiko; tsarao ny adiko. [60]Hitanao ny faniratsiran'izy ireo, ny teti-dratsy rehetra nataon'izy ireo tamiko— [61]renao ny latsan'izy ireo, ry Yaveh, sy ny tetik'izy ireo rehetra tamiko.
[62]Ny molotr'ireo izay mitsangana manohitra ahy, sy ny fiampangan'izy ireo, dia tonga mandritry ny tontolo andro. [63]Jereo ny fomba fipetrak'izy ireo sy fitsanganany avy eo; maneso ahy amin'ny hirany izy ireo.
[64]Valio arak'izay nataony izy ireo, ry Yaveh. [65]Ho ataonao tsy menatra ny fon'izy ireo! Ho eo amin'izy ireo anie ny fanamelohanao! [66]Manenjika azy ireo amin-katezerana Ianao ary mamotika azy ireo avy ao ambanin'ny lanitra, ry Yaveh!

4 [1]Efa lasa maloto ny volamena; endrey ny fiovan'ny volamena madio indrindra! Ireo vato masina dia niparitaka teny an-joron-dalana rehetra. [2]Ireo zanaka sarobidin'i Ziona dia mendrika ny lanjan'izy ireo amin'ny volamena madio, fa ankehitriny izy ireo dia tsy mendrika noho ireo siny tanimanga, asa-tanan'ireo mpanefy tanimanga izy ireo!
[3]Na ny amboahaolo aza manolotra ny tratrany mba hampinonoana ireo zanany, nefa ny zanakavavin'ny oloko dia efa lasa lozabe, toy ny ostritsa any amin'ny tany efitra
[4]Ny lelan'ny zaza minono dia miraikitra amin'ny lanilaniny noho ny hetaheta; mangataka sakafo ny ankizy, saingy tsy misy ho azy ireo. [5]Ireo izay nihinana sakafo lafo vidy ankehitriny dia mosarena eny an-dalana; ireo izay nobeazina nitafy akanjo volomparasy, dia mandry eny amin'ny fako misavoana ankehitriny.
[6]Ny famaizana ny zanakavavin'ny oloko dia lehibe noho ny an'i Sodoma, fa noravana tao anatin'ny fotoana fohy izany ary tsy nisy nanandra-tanana mba hanampy azy.
[7]Ireo mpitarika azy dia nadio kokoa noho ny oram-panala, fotsy kokoa noho ny ronono; ny vatan'izy ireo dia mena midorehitra noho ny haran-dranomasina, ny tenan'izy ireo dia toy ny safira. [8]Ny endrik'izy ireo ankehitriny dia maizina noho ny molaly; tsy fantatra eny an-dalana izy ireo. Ny hoditr'izy ireo dia niraikitra tamin'ny taolan'izy ireo; lasa maina toy ny hazo izany.
[9]Ireo izay novonoina tamin'ny sabatra dia sambatra kokoa noho ireo izay matin'ny hanoanana, izay osa, nolefonina tamin'ny tsy fahampian'ny vokatra avy any an-tsaha. [10]Ny tanan'ireo vehivavy malemy fanahy dia efa nahandro ireo zanany ihany; lasa sakafon'izy ireo nandritry ny fotoana nandravana ny zanakavavin'ny oloko izy ireo.
[11]Naneho ny hatezerany rehetra i Yaveh; nandrotsaka ny fahatezerany masiaka Izy. Nandrehitra afo tao Ziona mba handevonana ny fiorenany Izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Tsy nino ireo mpanjakan'ny tany, ary tsy nino ny mponin'izao tontolo izao, fa afaka niditra tamin'ireo vavahadin'i Jerosalema ireo fahavalo na mpanohitra. [13]Nitranga izany noho ny fahotan'ireo mpaminaniny sy ny helok'ireo mpisorony izay efa nandatsaka ny ràn'ny marina tao afovoany.
[14]Nirenireny, jamba, teny amin'ireo lalana izy ireo. Tena voaloto indrindra tamin'izany rà izany izy ireo ka tsy nisy navela mba hikasika ny akanjon'izy ireo. [15]"Mialà! ry Maloto!" hoy ny hiakiakan'ny olona tamin'izy ireo. "Mialà! Mialà! Aza mikasika!" Ka nirenireny izy ireo; hoy ny vahoaka teo amin'ireo firenena hoe: "Tsy mahazo mijanona eto intsony izy ireo."
[16]Yaveh mihitsy no nanaparitaka azy ireo; tsy nijery azy ireo intsony Izy. Tsy manome voninahitra ireo mpisorona izy ireo, ary tsy naneho sitraka tamin'ireo loholona.
[17]Pahina ny masonay, miandry vasoka izay hanampy anay; avy amin'ireo tilikambo fiambenanay no nijerenay ny firenena izay tsy afaka namonjy anay. [18]Nanaraka ireo dianay izy ireo, tsy afaka nandeha tamin'ireo lalanay izahay. Akaiky ny fiafaranay ary voaisa ireo andronay, efa ho tonga ny fiafaranay.
[19]Ny mpanenjika anay dia haingam-pandeha noho ireo voromahery eny an-danitra. Nanenjika anay teny an-tendrombohitra izy ireo ary nanao otrika ho anay tany an-tany efitra. [20]Ny fofonaina eo amin'ny vavoronay dia—ilay voahosotr'i Yaveh—Izy ilay voasambotra tao an-davak'izy ireo; ilay nolazaina hoe: "Ao ambanin'ny alony no hahavelona anay amin'ny firenena rehetra."
[21]Mifalia sy miravoravoa, ry zanakavavin'i Edoma, ianao izay monina any amin'ny tanin'i Oza. Fa ho anao ihany koa no handrosoana ny kapoaka; ho mamo ianao ary hampitanjaka ny tenanao. [22]Ry zanakavavin'i Ziona, efa hifarana ny famaizana anao, tsy hanitatra ny sesitaninao Izy. Kanefa ry zanakavavin'i Edoma, hanafay Izy; tsy hanarona ireo fahotanao izy.

5 [1]Tadidio, ry Yaveh, izay nanjo anay, jereo sy diniho ny fahafam-barakanay. [2]Nafindra ho an'ireo vahiny ny lovanay; ny tranonay ho an'ireo hafa firenena. [3]Lasa kamboty izahay, kamboty ray, ary ny reninay dia toy ny mpitondratena. [4]Tsy maintsy mandoa volafotsy ho an'ny rano sotroinay izahay, ary tsy maintsy mandoa volafotsy vao mahazo ny kitainay.
[5]Ireo izay manenjika anay dia akaiky aorianay; reraka izahay ary tsy mahita fitsaharana. [6]Efa nanolo-tena ho an'i Egypta sy Asyriana izahay mba hahazoana sakafo sahaza. [7]Nanota ireo razambenay, ary tsy eo intsony izy ireo, ary izahay no mizaka ny helok'izy ireo.
[8]Ireo andevo no manjaka eo aminay, ary tsy misy hanafaka anay eo an-tanan'izy ireo. [9]Manao sorona ny ainay izahay vao mahazo ny mofonay, nohon'ny sabatra any an'efitra. [10]Niha-nahamay toy ny fatana ny hoditray nohon'ny hatezerena miredareda.
[11]Voaolana ireo vehivavy tao Ziona, sy ireo virijiny tao amin'ireo tanànan'i Joda. [12]Nahantona tamin'ny tanany ihany ireo andriandahy, ary tsy nomen-boninahitra ireo loholona.
[13]Noterena hikosoka vary tamin'ny fikosoham-bary ireo tovolahy, ary ireo ankizy lahy dia mivembena milanja hazo.
[14]Niala teo amin'ny vavahadin'ny tanàna ireo loholona, ary namela ny zava-manenon'izy ireo ny tovolahy.
[15]Nitsahatra ny hafaliam-ponay ary niova ho fisaonana ny dihinay. [16]Nilatsaka avy eny an-dohanay ny satro-boninahitra; loza ho anay, satria nanota izahay!
[17]Noho izany dia lasa narary ny fonay, ary lasa pahina ny masonay, noho ireo zavatra ireo dia lasa pahina ny masonay,
[18]satria ny tendrombohitr'i Ziona nitoka-monina, izay misy amboahaolo mikarenjy eo aminy.
[19]Fa Ianao, ry Yaveh, dia manjaka mandrakizay, ary Ianao dia hipetraka eo amin'ny seza fiandriananao hatramin'ny taranaka fara-mandimby. [20]Nahoana izahay no adinonao mandrakizay? Nahoana Ianao no mahafoy anay mandritra ny andro maro? [21]Avereno Aminao izahay, ry Yaveh, dia hiverina. Avaozy toy ny taloha ny andronay— [22]raha tsy hoe efa nolavinao tanteraka izahay ary tena tezitra loatra aminay Ianao.

Ezekiela

1 [1]Tamin'ny taona fahatelopolo, ny volana fahefatra, ary andro fahadimin'ny volana, dia izao no nitranga raha mbola nonina teo amin'ireo babo teo akaikin'ny Lakan-drano Kebara aho. Nisokatra ny lanitra, ary nahita fahitana avy tamin'Andriamanitra aho. [2]Tamin'ny andro fahadimin'izany volana izany— tamin'ny taona fahadimy nanaovana sesi-tany an'i Joiakima Mpanjaka— [3]dia tonga tamin'i Ezekiela zanaka lahin'i Bozy ilay mpisorona ny tenin'i Yaveh, tao amin'ny tanin'ireo Kaldeana teo akaikin'ny Lakan-drano Kebara, ary ny tanan'i Yaveh dia teo aminy tao.
[4]Dia nijery aho, ary nisy tafio-drivotra avy any avaratra; nisy rahona lehibe misy afo mitselatselatra sy hazavana manodidina izany sy tao anatin'izany, ary ilay afo dia miloko volontany manopy mavo tao anatin'ilay rahona. [5]Teo afovoany dia nisy endrika zava-manan'aina efatra. Izao no endrik'izy ireo: niendrika olona ireo, [6]kanefa dia samy nanana tarehy efatra avy izy ireo, ary ireo zava-manan'aina tsirairay dia samy nanana elatra efatra avy.
[7]Nahitsy ny tongotr'izy ireo, fa ny faladiany dia tahaka ny kitron-janak'omby izay namiratra tahaka ny varahina mangirana. [8]Nefa nanana tanan'olombelona tao ambany elany izy ireo tamin'ny lafiny efatra rehetra. Tamin'izy efatra, dia tahaka izao ny tavany sy elany: [9]ny elatr'izy ireo dia nifampikasika tamin'ny elatry ny zava-manan'aina teo an-kilany, ary tsy niherika izy ireo rehefa nandeha; fa kosa samy nandeha mahitsy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Ny endriky ny tavan'izy ireo dia tahaka ny endrik'olombelona. Ny ilany ankavanan'ny tavan'ny efatra tamin'izy ireo dia niendrika liona, ary ny ilany ankavian'ny tavan'ny efatra tamin'izy ireo dia niendrika omby. Izy efatra ireo ihany koa dia nanana endrika voromahery. [11]Tahaka izany ny endrik'izy ireo, ary ny elany dia nivelatra ambony ka samy nanana elatra roa avy ireo zava-manan'aina ireo izay nifampikasika tamin'ny elatry ny zava-manan'aina hafa, ary elatra roa ihany koa izay nandrakotra ny vatan'izy ireo. [12]Samy nizotra nankany aloha izy ireo, koa na taiza na taiza nitondran'ilay Fanahy azy ireo dia nalehany, nandeha tsy niherika izy ireo.
[13]Raha ny endrik'ireo zava-manan'aina, dia tahaka ny vain'afo mandoro no fahitana azy, tahaka ny endriky ny fanilo; nisy afo mamirapiratra ihany koa nivoivoy isaky ny zava-manan'aina, ary nisy tselatra. [14]Ireo zava-manan'aina dia nikisaka mandroso mihemotra haingana dia haingana, ary nanana endrika tahaka ny tselatra izy ireo!
[15]Ary nijery tany amin'ireo zava-manan'aina aho; nisy kodia iray teo amin'ny tany teo ankilan'ireo zava-manan'aina. [16]Izao no fahitana sy firafitr'ireo kodia: samy tahaka ny krysolita ireo kodia, ary samy nanana endrika mitovy izy efatra; ny endrik'izy ireo sy ny firafiny dia tahaka ny kodia mifampiditra.
[17]Rehefa nikisaka ireo kodia, dia nandeha tsy nivily tamin'ny lalan-kizorana izay natrehan'ireo zava-manan'aina izy ireo.
[18]Raha ny amin'ny sisiny, dia avo sy mampatahotra izy ireo, satria feno maso manodidina.
[19]Isaky ny mikisaka ireo zava-manan'aina dia mikisaka akaiky azy ireo kodia. Rehefa niainga tamin'ny tany ireo zava-manan'aina dia niainga ihany koa ireo kodia. [20]Na aiza na aiza tian'ilay Fanahy haleha, dia nalehan'izy ireo, ary niainga teo amin'izy ireo ny kodia, satria ny fanahin'ireo zava-manan'aina dia tao amin'ireo kodia. [21]Rehefa nikisaka ireo zava-manan'aina dia nikisaka ihany koa ireo kodia; ary rehefa mbola nijoro ireo zava-manan'aina, dia nijoro ireo kodia; rehefa niainga tamin'ny tany ireo zava-manan'aina, dia niainga teo anilan'ireo ihany koa ireo kodia, satria ny fanahin'ireo zava-manan'aina no tao amin'ireo kodia.
[22]Teo ambonin'ny lohan'ireo zava-manan'aina dia nisy endrika eloelo midadasika; miendrika tahaka ny volon'ny krystaly mahatalanjona mivelatra eo ambonin'ny lohan'izy ireo izany. [23]Teo ambanin'ilay eloelo dia samy nivelatra mahitsy ny elatr'ireo zava-manan'aina tsirairay ary nifampikasika tamin'ny elatry ny zava-manan'aina hafa. Ireo zava-manan'aina dia samy nanana elatra roa nandrakotra ny tenany; samy nanana roa mba handrakofana ny vatany.
[24]Avy eo dia naheno ny fikopakopaky ny elatr'izy ireo aho. Tahaka ny firaondraon'ny rano mandeha. Tahaka ny feon'ilay Tsitoha isak'izay nihetsika izy ireo. Tahaka ny feon'ny kotrok'orana. Tahaka ny feon-tafika. Isaky ny nijoro izy ireo, dia nampidina ny elany. [25]Nisy feo nivoaka avy tao amin'ilay eloelo teo ambonin'ny lohan'izy ireo raha mbola nitsangana sy nampidina ny elany izy ireo.
[26]Teo ambonin'ilay eloelo teo ambonin'ny lohan'izy ireo dia nisy endrika seza fiandrianana izay toy ny vato safira ny fahitana azy, ary teo amin'ilay niendrika seza fiandrianana dia nisy tahaka ny lehilahy ny fahitana azy.
[27]Nahita sary miendrika metaly mamirapiratra misy afo tao anatiny nanomboka teo amin'ny valahany no ho miakatra aho; nahita endrika afo sy hazavana teo amin'ny valahany no ho midina aho. [28]Tahaka ny endrika avana ao anaty rahona amin'ny andro avy orana no fahitana ilay jiro mazava manodidina izany. Endriky ny voninahitr'i Yaveh izany. Rehefa nahita izany aho, dia nikarapoka niankohoka, ary nahare feo niteny.

2 [1]Hoy Izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona, mitsangàna; ary dia hiteny aminao Aho." [2]Taorian'izay, raha mbola niteny tamiko Izy, dia niditra tao anatiko ny Fanahy ka nampitsangana ahy, ary reko Izy miteny amiko. [3]Hoy Izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona, mandefa anao ho any amin'ny vahoakan'Israely Aho, any amin'ireo firenena mpikomy izay nikomy tamiko —na izy ireo na ireo razambeny dia samy efa nanota tamiko mandrak'ankehitriny!
[4]Manana endrika mafiloha sy mafy fo ireo taranak'izy ireo. Maniraka anao ho any amin'izy ireo Aho, ary hiteny amin'izy ireo ianao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh'. [5]Na izy ireo hihaino na izy ireo tsy hihaino. Taranaka mpikomy izy ireo, nefa farafahakeliny izy ireo hahalala fa mpaminany no teo amin'izy ireo.
[6]Ianao, ry zanak'olona, aza matahotra azy ireo na ny tenin'izy ireo. Aza matahotra, na dia misy tsilo aza ianao ary na dia miaina miaraka amin'ny maingoka aza ianao. Aza mifezaka amin'ny tenin'izy ireo na raiki-tahotra amin'ny tavan'izy ireo, satria taranaka mpikomy izy ireo.
[7]Nefa ianao hiteny amin'izy ireo ny teniko, na hihaino izy ireo na tsia, satria mpikomy indrindra izy ireo. [8]Fa ianao, ry zanak'olona, henoy izay lazaiko anao. Aza mba mpikomy tahaka ireny taranaka mpikomy ireny. Sokafy ny vavanao ary hano izay efa omeko anao!"
[9]Avy eo dia nijery aho, ary nisy tanana nitsotra teo amiko; nisy horonan-taratasy voasoratra tao anatin'izany. [10]Novelariny teo anatrehako izany; samy voasoratra avokoa na ny anoloana na ny ambadika, ary ny voasoratra teo amin'izany dia fitarainana, fisaonana, ary loza.

3 [1]Dia hoy Izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona, izay hitanao, dia hano. Hano ity horonan-taratasy ity, dia mandehana ka mitenena amin'ny ankohonan' Israely". [2]Koa nanokatra ny vavako aho, dia nofahanany an'izany horonan-taratasy izany. [3]Hoy Izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona, vokiso ny kibonao ary fenoy amin'ity horonan-taratasy izay nomeko anao ity ny vavoninao!" Ka dia nihinana izany aho, dia mamy tahaka ny tantely tao am-bavako izany.
[4]Dia hoy Izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona, mandehana any amin'ny ankohonan'Israely ary lazao amin'izy ireo ny teniko.
[5]Fa tsy halefa any amin'ny vahoaka hafa fiteny ianao na fiteny sarotra, fa any amin'ny ankohonan'Israely— [6]tsy any

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

amin'ny firenena lehibe izay hafahafa fiteny sy sarotra fiteny izay tsy ho azonao ireo teniny! Raha nandefa anao tany
amin'izy ireo Aho, dia ho nihaino anao izy ireo. [7]Fa ny zanak'Israely dia tsy mba vonona ny hihaino anao, satria tsy
vonon-kihaino Ahy izy ireo. Noho izany ny zanak'Israely rehetra dia mafy handrina sy mafy fo.
[8]Indro! Efa nanamafy ny tavanao tahaka ireo tavany Aho ary ny handrinao ho mafy tahaka ny handrin'izy ireo. [9]Nataoko
tahaka ny diamondra ny handrinao, mafy noho ny afovato! Aza matahotra azy ireo ianareo na hakivian'ny tarehiny,
satria taranaka mpikomy izy ireo."
[10]Dia niteny tamiko izy hoe: "Ry zanak'olona, ireo teny rehetra izay ambarako aminao—raiso ao am-ponao ireo ary
hatongilano amin'ireo ny sofinao! [11]Avy eo mankanesa any amin'ireo babo, any amin'ireo vahoakanao, ary mitenena
amin'izy ireo. Lazao amin'izy ireo hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh,' na hihaino izy ireo na tsia."
[12]Dia nanainga ahy ny fanahy, dia naheno ny feon'ny horohoron-tany lehibe tao aoriako aho: "Hisaorana anie ny
voninahitr'i Yaveh avy eo amin'ny fitoerany!" [13]Izany dia feon'ny elatr'ireo zava-manan'aina raha mifampikasoka izy ireo,
sy feon'ireo kodia izay niaraka tamin'izy ireo, ary feona horohoron-tany lehibe.
[14]Nanainga ahy ny fanahy ary nitondra ahy, dia nandeha araka ny ngidin'ny hatezeran'ny fanahiko aho, fa ny tanan'i
Yaveh dia nanindry ahy tamin-kery! [15]Koa nankany amin'ireo babo tany Telabiba izay nonina amin'ny moron'ny ony
Kebara aho, ary nijanona tany teo amin'izy ireo nandritry ny fito andro, ka heniky ny fahatalanjonana aho.
[16]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh taorian'ny hafitoana, manao hoe: [17]"Ry zanak'olona, nataoko ho mpiambina ho an'ny
ankohonan'Israely ianao, ka mihainoa ny teny avy amin'ny vavako, ary omeo azy ireo ny fampitandremako. [18]Rehefa
miteny amin'ny ratsy fanahy aho hoe: 'Ho faty tokoa ianao' ary tsy mampitandrina na milaza fampitandremana ny ratsy
fanahy momban'ireo asa ratsiny mba ahafahany miaina ianao—dia ho faty nohon'ny fahotany ilay ratsy fanahy, fa ho
takiako amin'ny tananao ny ràny. [19]Fa raha mampitandrina ny ratsy fanahy ianao, ka tsy miala amin'ny faharatsiany na
amin'ireo asa ratsiny izy, dia ho faty amin'ny fahotany izy, fa hahavonjy ny ainao ihany ianao.
[20]Raha mivadika amin'ny fahamarinany ny olo-marina iray ary manao ny tsy rariny, ary hametrahako vato fanafintohina
eo anoloany, dia ho faty izy. Satria tsy nampitandrina azy ianao, dia ho faty ao amin'ny fahotany izy, ary tsy ho tsaroiko
ireo asa marina izay notanterahiny, fa takiko amin'ny tananao ny ràny. [21]Fa raha mampitandrina ny olo-marina ianao
mba hitsahatra amin'ny fanotana ka tsy hanota intsony izy, dia hiaina tokoa izy satria nampitandremana; ary hahavonjy
ny ainao ihany ianao."
[22]Ka teo amiko ny tanan'i Yaveh, ary hoy izy tamiko hoe: "Mitsangàna! Mandehana mivoaka any amin'ny lohasaha, dia
hiresaka aminao any Aho!" [23]Nitsangana aho ary nandeha nivoaka tany amin'ny lohasaha, dia nitoetra teo ny voninahitr'i
Yaveh, tahaka ny voninahitra izay hitako teo akaikin'ny Lakan-drano Kebara; koa nanondrika ny tavako aho.
[24]Nanatona ahy ny fanahy ka nampitsangana ahy tamin'ny tongotro; ary niresaka tamiko izy, nilaza tamiko hoe:
"Mandehana ary hidio ao an-tranonao ny tenanao, [25]fa ankehitriny, ry zanak'olona, hametraka tady eo aminao izy ireo
ary hamatotra anao ka tsy afaka ny hivoaka ao amin'izy ireo ianao.
[26]Hampiraiketiko amin'ny lanilaninao ny lelanao, ka ho lasa moana ianao, ka tsy afaka ny hiteny mafy azy ireo, satria
taranaka mpikomy izy ireo. [27]Fa rehefa miresaka aminao Aho, dia ho sokafako ny vavanao ka hiteny amin'izy ireo ianao
hoe: "Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: 'Ny iray izay maheno dia haheno; ny iray izay tsy mihaino dia tsy hihaino, satria
taranaka mpikomy izy ireo!"

4 [1]"Fa ianao, ry zanak'olona, makà biriky ho anao ary apetraho eo anoloanao izany. Avy eo dia ataovy sokitra eo
amin'izany ny tanànan'i Jerosalema. [2]Dia manaova fahirano hamelezana izany, ary manorena manda hanohitra izany.
Manangàna tovon-tany fanafihana hamely izany ary mametraha toby manodidina azy. Ametraho andry vy fandravana
manodidina izany. [3]Avy eo dia makà lapoaly vy ho anao ary ampiasao ho tahaka ny manda vy eo anelanelanao sy ny
tanàna izany ary ampanatreho izany ny tavanao, fa hatao fahirano izany, ary ianao no hanao fahirano izany. Izany no ho
famantarana amin'ny ankohonan'Israely.
[4]Avy eo, mandria amin'ny ilany ankavianao ary apetraho eo amin'izany ny fahotan'ny ankohonan'Israely; ianao no
hitondra ny fahotan'izy ireo mandritry ny isan'ny andro handrianao hanohitra ny ankohonan'Israely. [5]Izaho mihitsy no
manendry andro iray mba hanehoana ny taona tsirairain'ny famaizana azy ireo ho anao: 390 andro! Izany fomba izany,
no hitondranao ny fahotan'ny ankohonan'Israely.
[6]Rehefa fenonao ireo andro ireo, dia mandria fanindroany amin'ny ilanao havanana, fa hitondra ny fahotan'ny
ankohonan'i Joda mandritry ny efapolo andro ianao. Manondro andro iray ho an'ny taona tsirairay ho anao Aho. [7]Atodiho
manatrika an'i Jerosalema izay atao fahirano ny tavanao, ary maminania hanohitra azy amin'ny sandrinao tsy misarona.
[8]Fa indro! Mametraka fatorana aminao Aho mba tsy hivadibadihanao amin'ny ilany iray ho amin'ny hafa ambara-
pahafenonao ny andron'ny fahiranonao.
[9]Makà varim-bazaha, vary hordea, tsaramaso, tsiasisa, apemba, ary spelta ho anao; apetraho ao anaty fasiana iray ihany
ireo ary manaova mofo ho anao araka ny isan'ny andro izay handrianao amin'ny ilanao. Mandritry ny 390 andro no
hihinananao izany. [10]Ny hanina izay hohaninao dia ho lanjan'ny sekely roapolo isan'andro, ary hohaninao amin'ny
fotoana voatondro isan'andro avy izany. [11]Dia hisotro rano ianao, izay nafàtra tamin'ny ampahenin'ny hina, ary ho
sotroinao amin'ny fotoana voatondro ihany koa izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Hohaninao tahaka ny mofomamy vita amin'ny vary hordea izany, saingy ho endasinao amin'ny kitay dikin'olona eo imason'izy ireo!" [13]Fa hoy Yaveh hoe: "Midika izany fa ny mofo izay hohanin'ny vahoakan'Israely dia haloto, any amin'ireo firenena izay handroahako azy ireo."
[14]Fa hoy aho hoe: "Indrisy, ry Tompo Yaveh! Tsy mbola naloto mihitsy aho! Tsy mbola nihinana na zavatra maty na zavatra matin'ny biby, nanomboka tamin'ny fahatanorako ka hatramin'izao aho, ary tsy mbola niditra ny vavako ny hena maloto!" [15]Koa hoy Izy tamiko hoe: "Indro! Nomeko tain'omby ianao ho solon'ny dikin'olona mba hahafahanao mikarakara ny mofonao eo amin'izany."
[16]Hoy ihany koa Izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona! Indro! Tapahiko ny famatsiana mofo ao Jerosalema, ary hihinana mofo eo am-pizarana izany amin'ny tebiteby izy ireo ary hisotro rano eo am-pizarana izany amin'ny fangovitana. [17]Satria ho ory mofo sy rano izy ireo, dia hihorohoro amin'ny rahalahiny ny olona rehetra ary hihalevona nohon'ny helok'izy ireo."

5 [1]"Avy eo ianao, ry zanak'olona, makà sabatra maranitra tahaka ny fanaratana volombava ho anao, ary hampandalovy eo amin'ny lohanao sy ny volombavanao ilay fanaratana, avy eo alaivo ny mizana mba handanjana sy hanasarahana ny volonao. [2]Dory amin'ny afo eo afovoan'ny tanàna ny ampahatelon'izany rehefa tanteraka ireo andron'ny fahirano, ary alaivo ny ampahatelon'ny volo ka tapaho amin'ny sabatra manodidina ny tanàna rehetra izany. Ary aparitaho amin'ny rivotra ny ampahatelon'izany, ary hamoaka sabatra henenjehana ireo vahoaka Aho.
[3]Fa makà isam-bolo kelikely amin'izy ireo ka fatory eo amin'ny sisin'akanjonao ireo. [4]Avy eo dia makà volo maromaro kokoa ka atsipazo eo afovoan'ny afo izany; ary dory ao amin'ny afo izany; fa hisy afo hivoaka avy eo ho any amin'ny ankohonan'Israely rehetra."
[5]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: "Ity no Jerosalema eo afovoan'ireo firenena, izay nametrahako azy, sy nanodidinako azy tamin'ny tany hafa. [6]Kanefa nandà ny lalàko tamim-paharatsiana mihoatra izay ananan'ny firenena izy, ary ny didiko mihoatra ireo tanàna izay manodidina azy. Efa nandà ny fitsaràko ny vahoaka ary tsy nandeha tamin'ireo lalàko."
[7]Noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: "Satria ianao manahirana kokoa noho ireo firenena izay manodidina anao ary tsy nandeha tamin'ny lalàko na niasa araka ny didiko, na niasa arak'ireo didin'ny firenena izay manodidina anao," [8]noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: "Indro! Hiasa hanohitra anao Aho. Hanatanteraka fitsaràna eo afovoanao Aho mba ho jeren'ireo firenena.
[9]Hataoko aminao izay tsy mbola nataoko ary ny mitovy amin'izany dia tsy hataoko intsony, noho ireo asa maharikorikonao rehetra. [10]Noho izany dia hihinana ny zanaka eo afovoanareo ny ray, ary ireo zanaka hihinana ny rainy, satria hanatanteraka fitsaràna eo aminareo Aho ary hampiely anareo rehetra izay tavela ho amin'ny lalana rehetra.
[11]Noho izany, raha mbola velona koa Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—izany dia satria nandoto ny fitoerako masina tokoa ianao miaraka amin'ireo zavatra maharikoriko sy ireo asanareo maharikoriko rehetra, fa Izaho mihintsy no hampihena isa anareo; tsy hanana fiantrana aminareo ny masoko, ary tsy hitsitsy anareo Aho. [12]Ny ampahatelonareo dia ho fatin'ny areti-mandringana, ary ho fatin'ny mosary eo afovoanao izy ireo. Ny ampahatelony dia ho lavon'ny sabatra manodidina anao. Ary avy eo dia hanaparitaka ny ampahatelony eny amin'ny lalana rehetra Aho, ary hamoaka sabatra hanenjehana azy ireo ihany koa.
[13]Ary dia ho tanteraka ny fahatezerako, ary hahatonga ny fahatezerako eo amin'izy ireo Aho mba hitsahatra. Ho afa-po Aho, ary ho fantatr'izy ireo fa Izaho, Yaveh, dia efa niresaka tamim-pahatezerana rehefa nahatanteraka ny fahatezerako tamin'izy ireo Aho. [14]Hataoko ho faharavana sy fahafaham-baraka eo amin'ny firenena izay manodidina anao ianao eo imason'ny olona rehetra izay mandalo.
[15]Ka ho lasa zavatra fanamelohana sy fanitsiratsirana ho an'ny olona hafa i Jerosalema, fampitandremana sy fampihorohoroana ho an'ireo firenena izay manodidina anareo. Hanatanteraka ny fitsaràna hanohitra anao am-pahatezerana sy am-pahavinirana, sy am-pitenenana mafy Aho—Izaho, Yaveh dia efa nanambara izany! [16]Handefa tsipìka mafin'ny mosary hanohitra anareo Aho izay ho lasa antony hanimbako anareo. Fa hampitombo ny mosary eo aminareo Aho ary hanapaka ny famatsiana mofonareo. [17]Handefa mosary sy loza hanohitra anareo Aho ka tsy hanan-janaka ianareo. Ny areti-mandringana sy ny rà dia handalo aminareo, ary hitondra ny sabatra hamely anareo Aho—Izaho, Yaveh, no efa nanambara izany."

6 [1]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Ry zanak'olona, ataovy manatrika an'ireo tendrombohitr'Israely ny tavanao ary maminania amin'izy ireo. [3]Lazao hoe: 'Ry tendrombohitr' Israely, henoy ny tenin'ny Tompo Yaveh! Izao no lazain'ny Tompo Yaveh amin'ireo tendrombohitra sy amin'ireo havoana, amin'ireo lakan-drano, sy amin'ireo lohasaha: Indro! Mitondra sabatra manohitra anareo Aho, ary handrava ireo fitoerana avonareo.
[4]Dia ho lao ireo alitaranareo ary ho rava ireo andrinareo, ary hariako manoloana ireo sampin'izy ireo ny fatinareo.
[5]Hametraka ny fatin'ny zanak'Israely eo anoloan'ny sampin'izy ireo Aho, ary hanaparitaka ny taolanareo manodidina ny alitaranareo.
[6]Na aiza na aiza onenanareo, dia ho foana ireo tanàna ary haongana ireo fitoerana avo, koa ho foana ny alitaranareo ary ho lao. Dia ho potika izy ireo ary hanjavona, hazera ireo andrinareo ary ho fafana ireo asanareo. [7]Hianjera eo afovoanareo ny faty dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Fa hihazona sisa eo aminareo Aho, ary hisy sasany ho tafatsoaka amin'ny sabatra eo amin'ireo firenena, rehefa miely eraky ny tanàna ianareo. [9]Avy eo ireo izay nitsoaka hieritreritra Ahy eo amin'ireo firenena izay hihazonana azy ireo ho babo, fa Izaho dia nalahelo tamin'ny fivadibadihan'ny fon'izy ireo izay niodina tamiko, ary tamin'ny mason'izy ireo izay nijangajanga nanaraka ireo sampin'izy ireo. Dia hampiseho rikoriko eny amin'ny tavan'izy ireo tamin'ny faharatsiana izay nataon'izy ireo niaraka tamin'ny fahavetavetany rehetra izy ireo. [10]Ka dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh. Izany no antony nilazako fa hitondra ity ratsy ity eo amin'izy ireo Aho.
[11]Ny Tompo Yaveh milaza izao: Mitehafa ary ajadony ny tongotrareo! Lazao hoe: 'Indrisy!' nohon'ny fahavetavetana ratsin'ny ankohonan' Israely rehetra! Fa ho lavon'ny sabatra, mosary, ary areti-mandringana izy ireo. [12]Izay lavitra dia ho fatin'ny areti-mandringana, ary izay akaiky dia ho lavon'ny sabatra. Ireo izay sisa sy mbola velona dia ho fatin'ny mosary. Hanatanteraka ny hatezerako amin'izy ireo amin'ny lalany Aho.
[13]Dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh, rehefa ny fatin'izy ireo no hiampatra eo amin'ny sampin'izy ireo, manodidina ny alitaran'izy ireo, eny amin'ny tany havoana rehetra— ambonin'ireo tendron'ny tendrombohitra rehetra, ary ambanin'ny hazo misandrahaka rehetra sy hazo terebinta matevina—ireo toerana izay nandoroan'izy ireo ditin-kazo manitra ho an'ireo sampin'izy ireo rehetra. [14]Hamely amin'ny tanako Aho ary hametraka ny tany ho lao sy foana, avy any amin'ny tany efitra ka hatrany Dibla, manerana ny toerana rehetra izay onenan'izy ireo. Dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh."

[1]

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony ho "Dibla", ny sasany amin'ireo dikan-teny taloha sy ny dikan-teny taty aoriana manao hoe "Ribla".

---

7 [1]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"Ianao, ry zanak'olona—izao no lazain'ny Tompo Yaveh amin'ny tanin'Israely." 'Fiafarana! Tonga amin'ireo vazan-tany efatra ny fiafarana.
[3]Ankehitriny dia eo aminao ny fiafarana, satria handefa ny hatezerako aminao Aho, ary hitsara anao araka ireo fombanao; ary hitondra ireo fahavetavetanao rehetra eo aminao Aho. [4]Fa tsy hiantra anao ny masoko, ary tsy hamindra fo anao Aho. Fa kosa, ho entiko eo aminao ireo fombanao, ary ho eo anivonao ireo fahavetavetanao, ka ho fantatrao fa Izaho no Yaveh.
[5]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Loza! Loza tsy misy toy izany! Indro, ho avy izany. [1] [6]Ho avy tokoa ny fiafarana. Nifoha hanohitra anao ny fiafarana. Indro, avy izany! [7]Ho avy aminao izay monina amin'ny tany ny fiafarana ratsinao. Tonga ny fotoana; efa akaiky ny andron'ny faharavana, ary ireo tendrombohitra dia tsy ho faly intsony.
[8]Ary tsy ho ela dia handraraka ny hatezerako aminao sy hameno ny havinirako aminao Aho rehefa hitsara anao araka ireo fombanao sy hitondra ireo fahavetavetanao rehetra eo aminao Aho. [9]Fa ny masoko dia tsy hijery am-pangorahana, ary tsy hamindra fo anao Aho. Araka izay nataonao, no ho ataoko aminao; ary ireo fahavetavetanao dia ho eo anivonao ka hahafantatra ianao fa Izaho no Yaveh, ilay iray manasazy anao.
[10]Indro, ny andro! Indro, tonga izany! Ho avy ny fiafarana ratsy! Mandrobona ny rantsan-kazo, mitsimoka ny avonavona!
[11]Nitombo teo amin'ny rantsan-kazon'ny faharatsiana ny herisetra—tsy misy amin'izy ireo, ary tsy misy amin'ny vahoakan'izy ireo, tsy misy amin'ireo hareny, ary tsy misy amin'ireo manan-danjan'izy ireo haharitra!
[12]Ho avy ny fotoana; efa manakaiky ny andro. Aza avela hifaly ny mpividy, na ny mpivarotra hisaona, satria eo amin'ny vahoaka rehetra ny hatezerako! [13]Fa ny mpivarotra dia tsy hamerina mandrakizay izay efa lafo, raha mbola velona koa izy ireo, satria manohitra ny vahoaka rehetra ilay fahitana. Tsy hiverina izy ireo, satria tsy misy olona mivelona amin'ny fahotany ho atanjahana.
[14]Nitsoka ny trompetra izy ireo ary nanomana ny zavatra rehetra, kanefa tsy misy miroso mba hiady; satria amin'ny vahoaka rehetra ny hatezerako. [15]Ny sabatra dia amin'ny any ivelany, ary ny areti-mandringana sy ny mosary dia ao anatin'ny trano be. Ireo izay any an-tsaha dia ho fatin'ny sabatra, raha hanimba ireo ao amin'ny tanàna kosa ny mosary sy ny areti-mandringana. [16]Fa ireo sisa velona sasany dia handositra avy eo amin'izy ireo, ary ho any an-tendrombohitra izy ireo. Tahaka ireo voromailala eny amin'ireo lohasaha, dia hitolokoloko izy rehetra—ny olona tsirairay nohon'ny helony avy.
[17]Hiozongozona ny tanana rehetra ary halemy tahaka ny rano ny lohalika rehetra, [18]ary hanao akanjo fisaonana izy ireo, ary hanarona azy ireo ny horohoro; ary ho eo amin'ny tava rehetra ny henatra, ary ny fahasolàna ho amin'ny lohan'izy rehetra. [19]Hanipy ny volafotsin'izy ireo eny amin'ny lalana izy ireo ary ny volamenan'izy ireo dia ho tahaka ny fako. Ny volafotsy sy ny volamenan'izy ireo dia tsy ho afaka hanavotra azy ireo amin'ny andron'ny fahatezeran'i Yaveh. Tsy ho voavonjy ny ain'izy ireo, ary tsy ho voky ny hanoanan'izy ireo, satria ny helony dia lasa vato manafintohina.
[20]Amin'ny avonavony no hakan'izy ireo ny hatsaran'ireo firavany voaravaka, ary amin'ireo no hanaovan'izy ireo ny sary fahavetavetan'izy ireo, sy ireo zavatra maharikorikon'izy ireo. Noho izany, dia havadiko ho zavatra maloto aminy ireo zavatra ireo. [21]Avy eo dia hatolotro ho babo eo an-tanan'ireo vahiny ary ho babo eo amin'ireo ratsy fanahin'ny tany ireo zavatra ireo, ka handoto ireo izy ireo. [22]Dia hanodina ny tavako amin'izy ireo Aho rehefa mandoto ny toerana sarobidiko izy ireo; hiditra ao ireo jiolahy ka handoto izany.
[23]Manaova rojo, satria ny tany dia feno ny fitsaran'ny rà, ary ny tanàna dia feno herisetra. [24]Koa hitondra ireo ratsy fanahy indrindra amin'ireo firenena Aho, ary ho fananan'izy ireo ny tranony, ary hamarana ny avonavon'ny mahery Aho, fa ho voaloto ireo toera-masin'izy ireo! [25]Ho avy ny tahotra! Hitady fiadanana izy ireo, kanefa tsy hisy izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Loza miampy loza no ho avy, ary hisy tsaho miampy tsaho. Dia hitady fahitana avy amin'ny mpaminany izy ireo, kanefa ny lalàna dia ho simba avy amin'ireo mpisorona ary ny torohevitra avy amin'ireo zokiolona. [27]Ny mpanjaka dia hisaona ary ny andrian-dahy hitafy famoizam-po, raha toa ka hangovitry ny tahotra ny tanan'ireo vahoakan'ny tany. Araka ny fomban'izy ireo ihany no hanaovako izany amin'izy ireo! Hitsara azy ireo araka ny fanaony Aho mandra-pahafantaran'izy ireo fa Izaho no Yaveh.'"

---

[a]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Loza! Loza tsy misy toa izany!" ny dikan-teny taloha sasany dia manao hoe: "Loza miampy loza!"

---

8 [1]Ary tamin'ny taona fahenina sy ny volana fahenina, tamin'ny andro fahadimin'ny volana, raha nipetraka tao an-tranoko aho ary ireo loholon'i Joda nipetraka teo anoloako, dia nilatsaka teo amiko tao indray ny tanan'ny Tompo Yaveh. [2]Ka nijery aho, ary indro, nisy endrika lehilahy. Nisy afo nanomboka teo amin'ny andilany midina. Ary nanomboka teo amin'ny andilany miakatra dia niendrika zavatra mamirapiratra, tahaka ny vy manjelatra.
[3]Ary naninjitra miendrika tanana izy ka nandray ahy tamin'ny volon-dohako; nanandratra ahy teo afovoan'ny tany sy ny lanitra ilay Fanahy, ary tamin'ireo fahitana avy tamin'Andriamanitra, no nitondrany ahy tany Jerosalema, teo amin'ny fidirana anatin'ny vavahady avaratra, izay nijoroan'ny sampy izay nihantsy asarotapiaro lehibe. [4]Ary indro, ny voninahitr'ilay Andriamanitr'Israely dia tao, araka ny fahitana izay hitako teo amin'ny tany lemaka.
[5]Ary hoy izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona, asandrato mianavaratra ny masonao." Ka dia nasandratro mianavaratra ny masoko, ary teo avaratry ny vavahady mankeo amin'ny alitara, teo amin'ny fidirana, ilay sampin'ny asarotapiaro. [6]Ka hoy izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona, mahita izay ataon'izy ireo ve ianao? Ireo dia fahavetavetana lehibe izay ataon'ny ankohonan'Israely eto mba hampiala lavitra Ahy amin'ny fitoerako masina. Fa hitodika ianao ary hahita fahavetavetana lehibe kokoa aza."
[7]Avy eo dia nentiny teo am-baravaran'ny kianja aho, ary nijery, dia nisy lavaka iray teo amin'ny rindrina. [8]Hoy izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona, lavao io rindrina io." Koa nandavaka ilay rindrina aho, dia nisy varavarana. [9]Ary hoy izy tamiko hoe: "Mandehana ary jereo ny fahavetavetana mahatsiravina izay ataon'izy ireo ato."
[10]Ka niditra aho ary nijery, ary indro! Nisy karazan-javatra mandady sy biby mahatsiravina! Ny sampin'ny ankohonan'Israely rehetra dia voasokitra tamin'ny rindrina manodidina rehetra. [11]Nisy loholon'ny ankohonan'Israely fitopolo tao, ary Jazania zanaka lahin'i Safana dia nijoro teo afovoan'izy ireo. Nitsangana teo anoloan'ireo sarin-javatra izy ireo, ary ny lehilahy tsirairay dia samy nitondra ny fitondrana afony teny an-tanany avy mba hampiakatra ny fofon-tsetroky ny ditin-kazo manitra.
[12]Hoy izy tamiko: "Ry zanak'olona, hitanao ve ny ataon'ireo loholon'ny ankohonan'Israely ao amin'ny maizina? Ny tsirairay dia samy manao izany ao amin'ny efitra miafin'ny sampiny, fa ho izy ireo hoe: 'Tsy mahita antsika Yaveh! Efa nafoin'i Yaveh ny tany.'" [13]Ary hoy izy tamiko: "Mitodiha indray ary jereo ireo fahavetavetana lehibe hafa izay ataon'izy ireo."
[14]Avy eo nentiny nankao amin'ny vavahady fidirana ao an-tranon'i Yaveh izay teo amin'ny lafiny avaratra aho, ary indro! Nipetraka nisaona an'i Tamoza tao ireo vehivavy. [15]Ka hoy izy tamiko: "Hitanao ve izao, ry zanak'olona? Mitodiha indray ary jereo hatramin'ireo fahavetavetana lehibe noho ireo aza."
[16]Nentiny tao amin'ny kianja anatiny tao an-tranon'i Yaveh aho, ary indro! teo amin'ny fidirana tao amin'ny tempolin'i Yaveh teo anelanelan'ny lavarangana sy ny alitara, dia nisy lehilahy teo amin'ny dimy amby roapolo teo ho eo nanome lamosina ny tempolin'i Yaveh ary niantsinanana ny tavan'izy ireo, ary nanompo ny masoandro izy ireo.
[17]Hoy izy tamiko hoe: "Hitanao ve izao, ry zanak'olona? Moa ve zavatra kely ho an'ny ankohonan'i Joda ny fanaovana ireo fahavetavetana izay ataon'izy ireo eto? Fa efa nofenoin'izy ireo herisetra ny tany ary mbola niodina mba hihantsy Ahy amin'ny fahatezerako indray izy ireo, tamin'ny fametrahana rantsa-kazo eo amin'ny oron'izy ireo. [18]Koa hiasa eo amin'izy ireo ihany koa Aho; tsy hanana fangorahana ny masoko, ary tsy hamindra fo azy ireo Aho. Na dia mitomany amin'ny feo mafy eo an-tsofiko aza izy ireo, dia tsy hihaino azy ireo Aho."

9 [1]Ary nitomany teo an-tsofiko tamin'ny feo mafy izy, nanao hoe: "Aoka hiakatra ao an-tanàna ireo mpiambina, miaraka amin'ny fitaovam-piadiana fandravana eny an-tanany avy." [2]Ary indro! Nisy lehilahy enina tonga avy any amin'ny lalan'ny vavahady ambony izay mitodika mianavaratra, samy niaraka tamin'ny fitaovam-piadiana famonoana teny an-tanany avy. Nisy lehilahy iray niankanjo rongony fotsy niaraka tamina fitaovan'ny mpanora-dalàna teny anilany teo afovoan'izy ireo. Ka niditra izy ireo ary nijoro teo akaikin'ny alitara varahina.
[3]Ary ny voninahitr'ilay Andriamanitr'Israely niakatra avy tao amin'ny kerobima izay teo an-tokonam-baravaran'ny trano. Niantso ilay lehilahy niakanjo rongony fotsy izay nanana ny fitaovan'ny mpanora-dalàna teny anilany Izy. [4]Hoy Yaveh taminy hoe: "Mandehana eo afovoan'ny tanàna—afovoan'i Jerosalema—ary asio marika eo amin'ny handrin'ireo izay mitaraina sy misento ny amin'ireo fahavetavetana rehetra natao teo afovoan'ny tanàna."
[5]Ary niresaka tamin'ireo hafa teo an-tsofiko Izy hoe: "Mandehana manaraka azy ao an-tanàna ary mamonoa. Aoka tsy hanana fangorahana ny masonao, ary aza miantra [6]na olona antitra, tanora, virijiny, zaza madinika na vehivavy. Vonoy daholo izy ireo! Fa aza manatona izay misy marika eo amin'ny lohany. Atomboy ao amin'ny fitoerako masina!" Ka dia nanomboka tamin'ireo loholona izay teo anoloan'ny trano izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Lotoy ny trano, ary fenoy faty ny kianjan'izany. Mivoaha!" Ka nivoaka izy ireo ary nanafika ny tanàna. [8]Raha mbola nanafika izany izy ireo, dia hitako fa irery aho ary nampiankohoka ny tavako aho ary nitaraina ka nanao hoe: "Indrisy, ry Tompo Yaveh, handrava ireo sisa tavelan'Israely rehetra amin'ny fandrarahana ny fahatezeranao amin'i Jerosalema ve Ianao?"
[9]Hoy Izy tamiko hoe: "Tafahoatra tokoa ny heloky ny ankohonan'Israely sy Joda. Feno rà ny tany ary feno fahavetavetana ny tanàna, satria hoy izy ireo hoe: 'Efa nanadino ny tany i Yaveh, ary 'tsy mahita i Yaveh!' [10]Koa noho izany, tsy hijery amim-pangorahana ny masoko, ary tsy hitsitsy azy ireo Aho. Fa hitondra izany rehetra izany ho eo an-dohan'izy ireo kosa Aho." [11]Indro! Niverina ilay lehilahy niakanjo rongony fotsy izay nanana ny fitaovan'ny mpanora-dalàna teny anilany. Nitatitra izy ary niteny hoe: "Efa nataoko izay rehetra nandidianao."

10 [1]Raha nijery nankany amin'ny eloelo izay teo an-dohan'ny Kerobima aho; dia nisy zavatra niseho teo ambonin'izy ireo tahaka ny safira manana endrika seza fiandrianana. [2]Avy eo Yaveh niresaka tamin'ilay lehilahy nitafy rongony fotsy ary nanao hoe: "Mandehana eo anelanelan'ireo kodia eo ambanin'ireo Kerobima, dia fenoy amin'ireo vain'afo mirehitra avy eo anelanelan'ny Kerobima ny tananao ary aparitaho eo amin'ny tanàna izy ireo." Dia nandeha ralehilahy raha nijery aho.
[3]Dia nijoro teo an-kavanan'ilay trano ny kerobima rehefa niditra ilay lehilahy, ary nisy rahona nameno ny tao anatin'ny kianja. [4]Nisandratra avy eo amin'ilay kerobima ny voninahitr'i Yaveh ary nijoro teo an-tokonam-baravaran'ilay trano. Nameno ny trano tamin'ny rahona izany, ary dia feno ny famirapiratan'ny voninahitr'i Yaveh ny kianja. [5]Ny feon'ny helatr'ilay kerobima dia re hatrany ivelan'ny kianja, toy ny feon'Andriamanitra Tsitoha rehefa miteny Izy.
[6]Ary rehefa nandidy ilay lehilahy nitafy rongony fotsy Andriamanitra ary nanao hoe: "Mandraisa afo avy eo anelanelan'ireo kodia izay eo amin'ny kerobima," dia niditra ralehilahy ary nitsangana teo akaikin'ny kodia iray. [7]Nisy kerobima iray naninjitra ny tanany teo anelanelan'ny kerobima ho amin'ny afo izay teo amin'ny kerobima, ary nanandratra sy nametraka izany teo an-tanan'ilay nitafy rongony fotsy. Noraisin-dralehilahy izany ary nandeha nivoaka izy. [8]Nahita zavatra toy ny tanan'olona tao ambany elatr'izy ireo aho teo amin'ny kerobima.
[9]Ka nijery aho, ary indreo! Kodia efatra no teo akaikin'ilay kerobima—kodia iray teo akaikin'ny isan-kerobima—ary ny endrik'ireo kodia dia tahaka ny vato berila. [10]Ny endrik'izy ireo dia mitovy endrika amin'ny efatra rehetra amin'izy ireo, tahaka ny kodia mihaona amin'ny kodia hafa. [11]Rehefa niala izy ireo, dia niditra tao amin'ireo lalana efatra tsy misy fiolanana amin'ireo lalan-kafa. Fa kosa, na taiza na taiza niatrehan'ny loha, dia narahin'izy ireo izany. Dia tsy niverina tany amin'ny lalan-kafa arak'izay nalehany intsony izy ireo.
[12]Ny tenan'izy ireo manontolo—isan'izany ny lamosiny, ireo tanany, ary ireo elany—dia voarakotra maso, ary maso ihany koa no nandrakotra ny kodia efatra manodidina. [13]Raha nihaino aho, dia nisy niteny hoe: "mikodiadiava" ireo kodia.
[14]Nanana tarehy efatra avy izy ireo; ny tarehy voalohany dia tarehin-kerobima, ny tarehy faharoa dia tarehin-dehilahy, ny tarehy fahatelo dia liona, ary ny tareha fahefatra dia tarehina voro-mahery.
[15]Avy eo niainga ilay Kerobima—dia ilay zava-manan'aina izay hitako teo amoron'ny ony Kebara [16]Isaky ny nietsika ilay kerobima, dia nandeha teo anilany koa ny kodia, ary isaky ny nanandratra ny elany mba hiainga amin'ny tany ilay kerobima, dia tsy nivily ireo kodia. Mbola nijanona teo anilany ireo. [17]Rehefa nijanona ilay kerobima, dia nijanona koa ireo kodia, ary rehefa niainga ireo, dia niainga niaraka tamin'izany koa ireo kodia, satria tao amin'ireo kodia ny fanahin'ilay zava-manan'aina.
[18]Ary niala tao amin'ny tokonam-baravaran'ny trano ny voninahitr'i Yaveh ka nijanona teo amin'ireo kerobima.
[19]Namelatra ny elany ny kerobima ary niainga tamin'ny tany teo imasoko rehefa nivoaka izy ireo, ary nanao mitovy izany teo ankilan'izy ireo ny kodia. Nijanona tao amin'ny fidirana atsinanana mankao amin'ny tranon'i Yaveh izy ireo, ary ny voninahitr'ilay Andriamanitr'Israely dia tonga teo amin'izy ireo avy teo ambony.
[20]Ireo no zava-manan'aina izay efa hitako teo ambanin'ilay Andriamanitr'Israely tamin'ireo lakan-drano Kebara, ka fantatro fa kerobima ireo! [21]Nanana tarehy efatra avy sy elatra efatra avy izy ireo, ary endrika tanan'olona ambany elatr'izy ireo, [22]ary ny endrikin'ny tarehiny dia tahaka ny tarehy izay efa hitako tao anaty fahitana tao amin'ny lakan-drano Kebara, ary nandeha nahitsy ny tsirairay avy tamin'izy ireo.

11 [1]Dia nampiakatra ahy ny Fanahy ka nitondra ahy tany amin'ny vavahady atsinanan'ny tranon'i Yaveh, izay miantsinanana, ka indro, nisy lehilahy dimy amby roapolo teo amin'ny lalana mankany amin'ilay vavahady. Hitako teo amin'izy ireo i Jazania zanaka lahin'i Azora sy Pelatia zanaka lahin'i Benaia, mpitarika ny vahoaka.
[2]Hoy Andriamanitra tamiko hoe: "Ry zanak'olona, ireo no olona izay nihevi-dratsy, sy nanapa-kevitra hiteti-dratsy tamin'ity tanàna ity. [3]Hoy izy ireo hoe: 'Tsy fotoanan'ny fanorenana trano izao; ity tanàna ity no vilany, ary isika no hena.'
[4]Noho izany dia maminania hanohitra azy ireo. Maminania, ry zanak'olona."
[5]Dia nidina tamiko ny Fanahin'i Yaveh ary hoy Izy tamiko: "Lazao hoe: Izao no lazain'i Yaveh: araka izay lazainareo, ry ankohonan'Israely; fa fantatro ny ao an-tsainareo. [6]Efa nampitombo ny olona izay novonoinareo tamin'ity tanàna ity ianareo ary nameno ny lalambeny tamin'izany. [7]Noho izany, dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ny olona izay novonoinareo, izay nahampatrareo teo afovoan'i Jerosalema ny fatiny, no hena, ary ity tanàna ity no vilany. Kanefa ianareo dia entina miala eo afovoan'ity tanàna ity.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Natahotra ny sabatra ianareo, koa hitondra ny sabatra ho aminareo Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[9]Hitondra anareo hiala eo afovoan'ity tanàna ity Aho, ary hametraka anareo ho eo an-tanan'ireo hafa firenena, satria hitondra fitsarana hanohitra anareo Aho. [10]Ho lavon-tsabatra ianareo. Ho tsaraiko ao amin'ny faritanin'Israely ianareo ka ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh.
[11]Ity tanàna ity dia tsy ho vilany fandrahonareo, na ho hena ao anatin'izany ianareo. Hitsara anareo ao amin'ireo faritanin'Israely Aho. [12]Dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh, Ilay iray izay tsy narahinareo ireo lalàny ary tsy notanterahinareo ireo didiny. Fa kosa, ny didin'ireo firenena izay manodidina anareo no notanterahinareo."
[13]Ary raha mbola naminany aho, dia maty i Pelatia zanaka lahin'i Benaia. Koa nikarapoka niankohoka aho ka nihiaka tamin'ny feo mafy ary nanao hoe: "Indrisy, ry Tompo Yaveh, moa ve handringana tanteraka ny sisa amin'Israely Ianao?"
[14]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [15]"Ry zanak'olona, ireo rahalahinao! Ireo rahalahinao! Ireo lehilahin'ny fokonao sy ny ankohonan'Israely rehetra! Izy rehetra ireo no nilazan'ireo nipetraka tany Jerosalema hoe: 'Lavitra an'i Yaveh izy ireo! Ity tany ity dia nomena anay ho fananany.'
[16]Noho izany lazao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Na dia efa nanala azy ireo lavitr'ireo firenena aza Aho, ary na dia efa nampiely azy ireo teo amin'ny tany aza Aho, nefa dia fitoerana masina ho azy ireo nandritry ny fotoana vitsy tany amin'ny tany izay nandehanan'izy ireo Aho.' [17]Noho izany lazao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ho voriako avy amin'ireo vahoaka ianareo, ary hangoniko avy amin'ireo tany izay nielezanareo ianareo, ka homeko anareo ny tanin'Israely.' [18]Dia handeha any izy ireo ka hanala ny zavatra maharikoriko rehetra sy ny fahavetavetana rehetra amin'izany toerana izany.
[19]Hanome azy ireo fo iray Aho, ary hametraka fanahy vaovao ao amin'izy ireo. Ho esoriko ao amin'ny nofon'izy ireo ny fo vato ka homeko fo nofo izy ireo, [20]mba hanarahan'izy ireo ny lalàko, hanatanterahan'izy ireo ny didiko sy hanaovan'izy ireo izany. Dia ho vahoakako izy ireo, ary ho Andriamanitr'izy ireo Aho. [21]Nefa ho an'ireo izay mandeha am-pitiavana mankany amin'ireo zavatra maharikorikony sy ireo fahetavetany, dia ho entiko ho eo an-dohan'izy ireo ihany ny fitondrantenany—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."
[22]Nanandratra ny elany sy kodiarany izay teo anilan'izy ireo ny kerobima, ary teo ambonin'ireo ny voninahitr'ilay Andriamanitr'Israely. [23]Dia niakatra avy ao afovoan'ny tanàna sy nitsangana teo an-tendrombohitra teo atsinanan'ny tanàna ny voninahitr'i Yaveh.
[24]Nanandratra ahy ny Fanahy ka nitondra ahy tany Kaldea, tany amin'ireo voasesitany, tamin'ny fahitana avy amin'ny Fanahin'Andriamanitra, sy ny fahitana izay hitako niakatra avy teo amiko. [25]Dia nanambara tamin'ireo voasesitany ny zavatr'i Yaveh rehetra izay hitako aho.

12 [1]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Ry zanak'olona, ianao dia monina eo anivon'ny taranaka mpikomy, izay manana maso hijerena fa tsy mijery; ary manana sofina handrenesana fa tsy mihaino, satria taranaka mpikomy izy ireo.
[3]Noho izany raha ny aminao, ry zanak'olona, dia homano ireo entanao ho amin'ny sesitany, ary manomboha mivoaka imason'izy ireo amin'ny andro mazava, fa Izaho dia hambabo anao eo imason'izy ireo avy eo amin'ny toeranao mankany amin'ny toerana hafa. Angamba mety hanomboka hahita izy ireo, na dia taranaka mpikomy aza.
[4]Ho entinao imason'izy ireo amin'ny andro mazava ireo entanao ho amin'ny sesitany; mivoaha imason'izy ireo amin'ny hariva amin'ny fomba fandehan'ny olona ho any amin'ny sesitany. [5]Mandavaha lavaka eo amin'ny rindrina eo imason'izy ireo, ary mandehana eo amin'izany. [6]Eo imason'izy ireo, hampiakaro ho eo an-tsorokao ny entanao, ary ento amin'ny maizina ireo. Saromy ny tavanao, fa tsy tokony hahita ilay tany ianao, satria napetrako ho famantarana ho an'ny ankohonan'Israely ianao."
[7]Koa dia nataoko izany, araka ny nandidina ahy. Nentiko nivoaka tamin'ny andro mazava ireo entako ho amin'ny sesitany, ary ny hariva dia nandavaka lavaka teo amin'ny rindrina tamin'ny tanana aho. Nentiko tamin'ny aizina ireo entako, ary nampiakariko teo an-tsoroko teo imason'izy ireo izany.
[8]Avy eo tonga tamiko ny tenin'i Yaveh ny maraina, nanao hoe: [9]"Ry zanak'olona, moa ny ankohonan'Israely, izany taranaka mpikomy izany, tsy nanontany hoe: 'Inona ity ataonao?' [10]Lazao azy ireo hoe: 'Izao no ambaran'ny Tompo Yaveh: ity asa faminaniana ity dia mahakasika ny andriandahin'i Jerosalema, sy ny ankohonan'Israely rehetra izay eo anivon'izy ireo.'
[11]Lazao hoe: 'Famantarana ho anareo Aho. Araka izay efa nataoko no ho atao amin'izy ireo; ho any an-tsesitany sy fahababoana izy ireo. [12]Ny andriandahy izay eo amin'izy ireo dia hampiakatra ireo entany eo an-tsorony amin'ny maizina, ary handeha eo amin'ny manda. Handavaka eo amin'ny rindrina izy ireo ary hitondra ny entan'izy ireo hivoaka. Hanarona ny tavany izy, ka tsy hahita ilay tany amin'ny masony. [13]Haparitako aminy ny haratoko ary ho tratra ao amin'ny fandriko izy; avy eo ho entiko any Babylona, ilay tanin'ireo Kaldeana izy, fa tsy hahita izany. Ho faty any izy.
[14]Haparitako amin'ny lalana rehetra ihany koa ireo rehetra manodidina azy dia izay manatrika azy sy ny tafiny rehetra, ary handefa sabatra hanenjika azy ireo Aho. [15]Avy eo ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh, rehefa haparitako eo amin'ireo firenena izy ireo ary haeliko manerana ireo tany. [16]Fa hamindra fo olona vitsy eo amin'izy ireo Aho amin'ny sabatra, mosary, sy areti-mandringana, mba hitahiry ny fahavetavetan'izy ireo rehetra eo amin'ireo tany izay hangalako azy izy ireo, ka ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh.'"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [18]"'Ry zanak'olona, hano am-pangovitana ny mofonao, ary sotroy am-pangovitana sy tahotra ny ranonao.
[19]Avy eo lazao amin'ireo vahoakan'ny tany hoe: 'Ny Tompo Yaveh dia milaza izao mahakasika an'ireo mponin'i Jerosalema, sy ny tanin'Israely: Hihinana ny mofony am-pangovitana izy ireo ary hisotro ny ranon'izy ireo eo am-pangovitana, satria ho foana amin'ny fahafenoany ny tany nohon'ny herisetran'ireo rehetra monina ao. [20]Koa ho lao ireo tanàna izay tsy nisy mponina, ary ho ngazana ilay tany; dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh.'"
[21]Tonga tamiko indray ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [22]"Ry zanak'olona, inona ity ohabolana izay anananareo eo amin'ny tanin'Israely ity izay manao hoe: 'Mihalava ny andro, ary tsy mahomby ny fahitana rehetra'? [23]Noho izany, lazao azy ireo hoe: 'Ny Tompo Yaveh dia milaza izao: Ho faranako ity ohabolana ity, ary tsy hampiasa izany intsony ny vahoakan'Israely.' Lazao azy ireo hoe: 'Manakaiky ny andro rehefa ho tanteraka ny fahitana rehetra.
[24]Fa tsy hisy fahitana diso intsony na sikidy tsara ao amin'ny ankohonan'Israely. [25]Fa Izaho no Yaveh! Miteny Aho, ary manao ireo teny izay teneniko. Tsy ho tara intsony ireo izay nolazaiko. Fa hiteny izany teny izany Aho amin'ny andronareo, ry taranaka mpikomy, ary hanao izany! —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'"
[26]Tonga tamiko indray ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [27]"Ry zanak'olona! Indro, ny ankohonan' Israely dia niteny hoe: 'Ny fahitana izay hitany dia ho amin'ny andro maro manomboka ankehitriny, ary maminany ny amin'ny fotoana mbola lavitra izy.' [28]Noho izany dia lazao azy ireo hoe: 'Ny Tompo Yaveh dia milaza izao: Ireo teniko dia tsy ho tara intsony, fa ny teny izay nolazaiko dia ho atao—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'"

13 [1]Tonga tamiko indray ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"'Ry zanak'olona, maminania manohitra ireo mpaminany izay maminany any Israely, ka lazao amin'ireo izay maminany araky ny eritreritr'izy ireo manokana hoe: 'Henoy ny tenin'i Yaveh. [3]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Loza ho an'ireo mpaminany adala izay manaraka ny fanahiny ihany, saingy tsy nahita na inona na inona! [4]Ry Israely, ireo mpaminaninao dia efa tahaka ny amboadia eny amin'ny tany ngazana.
[5]Tsy nandeha namotika ny rindrina manodidina ny ankohonan'Israely ianao mba hanamboarana izany, mba hiharitra amin'ny ady amin'ny andron'i Yaveh. [6]Manana fahitana diso ny vahoaka ary manao faminaniana sandoka, ireo izay miteny hoe: "Izao sy izao no fanambaran'i Yaveh." Tsy naniraka azy ireo i Yaveh, nefa na dia izany aza izy ireo dia nampanantena ny vahoaka fa ho tanteraka ireo hafatr'izy ireo. [7]Moa tsy mba efa nanana fahitana diso ianao ary nanao faminaniana sandoka, ianao ilay miteny hoe: "Izao sy izao no fanambaran'i Yaveh" nefa Izaho tenako ary tsy niteny?'
[8]Noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: 'Satria ianareo efa nanana fahitana diso sy nilaza lainga—noho izany dia izao no fanambaran'ny Tompo Yaveh manohitra anareo: [9]Hamely ireo mpaminany izay manana fahitana mandainga sy izay manao faminaniana sandoka ny tanako. Tsy ho ao amin'ny fiangonan'ny vahoakako, na ho soratana anarana ao amin'ny firaketan'ny ankohonan'Israely izy ireo; tsy mba handeha any amin'ny tanin'Israely izy ireny. Fa ho fantatrareo fa Izaho no Tompo Yaveh!
[10]Noho izany, ary satria izy ireo nitarika ny vahoakako tany amin'ny lalan-diso ka niteny hoe: "Fiadanana!" nefa tsy nisy fiadanana akory, dia manorina rindrina izay ho lalorin'izy ireo amin'ny loko fotsy izy ireo.' [11]Lazao amin'ireo izay mandalotra ny rindrina hoe: 'Hianjera izany; hisy latsak'orambe, ary handefa havandra Aho mba hampienjera izany, ary tafio-drivotra mba handrodana izany. [12]Indro, hianjera ny rindrina. Moa ve tsy niteny taminareo ny hafa hoe: "Aiza ny lalotra fotsy izay nataonareo tamin'ity?"
[13]Noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Hitondra tafio-drivotra amin'ny hatezerako Aho, ary hisy tondra-drano amin'ny fahavinirako! Ny havandra no hamotika tanteraka izany amin'ny hatezerako. [14]Fa hamotipotika ny rindrina izay nosaronanareo tamin'ny lalotra fotsy Aho, ary handrodana izany amin'ny tany sy hampiharihary ny fanambaniny. Ka dia hianjera izany, ary ianareo rehetra ho ringana eo afovoan'izany. Ary dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh.
[15]Fa Izaho handringana ny rindrina amin'ny hatezerako sy ireo rehetra nandalotra izany. Hilaza aminareo Aho hoe: "Tsy misy intsony ny rindrina, na ny olona izay nandalotra izany— [16]ireo mpaminanin'Israely izay naminany momban'i Jerosalema sy nanana fahitana fiadanana ho azy. Kanefa tsy misy fiadanana! —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."'
[17]Koa ianao, ry zanak'olona, hampanatreho ny zanaka vavin'ny vahoakanao izay maminany araky ny eritreritr'izy ireo manokana ny tavanao, ka maminania manohitra azy ireo. [18]Lazao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Loza ho an'ireo vehivavy izay manjaitra ody mahatsara vintana eo amin'ny faritry ny tanany rehetra ary manao voaly araka ny habe samihafa ho amin'ny lohan'izy ireo, ampiasaina hihazàna olona. Hihaza ny oloko ve ianareo mba hanavotana ny ainareo?
[19]Efa naniratsira Ahy tamin'ny vahoakako tamin'ny vary hordea iray tanana sy sombintsombi-mofo ianareo, mba hamonoana olona izay tsy tokony ho faty, ary hihazonana ny ain'ireo izay tsy tokony hanohy hiaina intsony, noho ireo lainganareo tamin'ny oloko izay nandre anareo.
[20]Noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Izaho dia manohitra ireo ody mahatsara vintana izay nampiasainareo hamandrihana ny ain'olona toy ny hoe vorona ireny izy ireo. Hamotipotika ireny avy eo an-tananareo Aho; ary ny olona izay voafandrikareo tahaka ny vorona—hamela azy ireo handeha malalaka Aho. [21]Hanendaka ireo voalinareo Aho ka hamonjy ny vahoakako eo an-tananareo, mba tsy ho voafandrika eo an-tananareo intsony izy ireo. Ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Satria ianareo manakivy ny fon'ny olo-marina amin'ny lainga, na dia tsy naniry ny fahakiviany aza Aho, ary satria nampahery ireo fihetsiky ny olona ratsy fanahy ianareo ho setrin'izany mba tsy hiviliany amin'ny fombany mba hanavotany ny ainy— [23]noho izany dia tsy hanana fahitana diso ianareo na hanohy hanao faminaniana sandoka intsony, satria hamonjy ireo oloko hivoaka eo an-tananareo Aho. Ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh.'"

14 [1]Nanatona ahy ny sasany tamin'ireo loholon'Israely ary nipetraka teo anoloako. [2]Ary tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [3]"Ry zanak'olona, ireo lehilahy ireo dia nandray tao am-pony ireo sampin'izy ireo ary nametraka ny vato fanafintohinana ny helok'izy ireo teo anatrehan'ny tavan'izy ireo. Tokony anontanian'izy ireo amiko ve izany rehetra izany?
[4]Noho izany dia ambarao amin'izy ireo izany ary lazao amin'izy ireo hoe: 'Izao no ambaran'ny Tompo Yaveh: Ny olona rehetra ao amin'ny ankohonan' Israely izay maka ao am-pony ny sampiny, na mametraka vato fanafintohinana ny helony eo anoloan'ny tavany, ary avy eo manatona mpaminany—Izaho, Yaveh, dia hamaly azy araka ny isan'ny sampiny. [5]Ho ataoko izany mba hamerenako ny ankohonan'Israely ao am-pon'izy ireo izay noesorina lavitra teo amiko tamin'ny alalan'ireo sampin'izy ireo.'
[6]Noho izany ambarao amin'ny ankohonan'Israely hoe: 'Izao no ambaran'ny Tompo Yaveh: Mibebaha ary mialà amin'ny sampinareo! Omeo lamosina ny fahavetavetanareo rehetra.
[7]Ho an'ny olon-drehetra avy amin'ny ankohonan' Israely sy ny vahiny rehetra mijanona ao Israely izay mivadika amiko, izay mandray ao am-pony ireo sampiny ka mametraka vato fanafintohinana ny helony eo anoloan'ny tavany, ary manatona mpaminany avy eo mba hitady Ahy—Izaho, Yaveh, mihitsy no hamaly azy. [8]Koa hanandrina izany olona izany ny tavako ary hanao azy ho famantarana sy ohabolana, satria ho fongorako tsy ho eo amin'ny vahoakako izy, ary ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh.
[9]Raha misy mpaminany voafitaka ary milaza hafatra, dia Izaho, Yaveh, no hamitaka izany mpaminany izany; haninjitra ny tanako aminy Aho ary hamotika azy eo amin'Israely vahoakako. [10]Hizaka ny helony ihany izy ireo; ny heloky ny mpaminany dia hitovy amin'ny helok'izay manontany azy. [11]Noho izany, dia tsy hisintaka amin'ny fanarahana Ahy intsony ny ankohonan' Israely na handoto ny tenan'izy ireo amin'ireo fandikan-dalàna rehetra intsony. Ho vahoakako izy ireo, ary ho Andriamanitr'izy ireo Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'"
[12]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [13]"Ry zanak'olona, raha manota Amiko ny tany iray amin'ny fanaovana izay mahadiso dia haninjitra ny tanako eo amin'izany Aho ary hanapaka ny tehin'ny mofony, ary handefa mosary eo amin'izany sy handringana ny olona sy ny biby eo amin'ilay tany; [14]ary na ireto lehilahy telo ireto aza—Noa, Daniela, sy Joba—no eo afovoan'ilay tany, dia tsy afaka ny hanavotra afa-tsy ny ainy ihany izy ireo amin'ny fahamarinan'izy ireo—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[15]Raha mandefa bibidia masiaka manerana ilay tany Aho ka mandringana izany mba ho lasa tany lao izay tsy afaka dinganin'ny olona noho ireo biby, [16]dia na ao amin'izany aza ireo lehilahy telo ireo—raha mbola velona Aho, hoy ny Tompo Yaveh—dia tsy ho afaka ny hanavotra izy ireo na dia ireo zanany lahy sy ireo zanany vavy aza; ny ain'izy ireo ihany no ho avotra, fa ilay tany dia ho lasa tany lao.
[17]Na raha mitondra sabatra amin'izany tany izany Aho ka miteny hoe: 'Ry sabatra, mandehana manerana ilay tany ary haringano hiala ao amin'izany ny olona sy ny bibidia', [18]dia na dia eo afovoan'ilay tany aza ireo lehilahy telo ireo—raha mbola velona Aho, hoy ny Tompo Yaveh—dia tsy ho afaka ny hanavotra izy ireo na dia ireo zanany lahy sy ireo zanany vavy aza; ny ain'izy ireo ihany no ho avotra.
[19]Na raha mandefa areti-mandringana amin'io tany io Aho ary mandraraka ny hatezerako eo amin'izany amin'ny alalan'ny fandatsahan-drà, mba handringanana ny olona sy ny bibidia, [20]dia na dia ao amin'izany tany izany aza i Noa, Daniela, ary Joba—dia tsy ho afaka ny hanavotra izy ireo na dia ireo zanany lahy sy ireo zanany vavy aza; ny ain'izy ireo ihany no ho avotra nohon'ny fahamarinan'izy ireo.
[21]Fa izao no ambaran'ny Tompo Yaveh: Azo antoka fa ho ataoko miharatsy ny toe-javatra amin'ny alalan'ny fandefasako ny famaizako efatra—mosary, sabatra, bibidia, ary areti-mandringana—amin'i Jerosalema mba handringanana ny olona sy ny bibidia eo aminy.
[22]Kanefa, indro! Hisy ho tavela ao aminy, ireo sisa velona izay hivoaka miaraka amin'ireo zanaka lahy sy ireo zanaka vavy. Indro! Hivoaka ho any aminao izy ireo, ary hahita ireo fomba sy fihetsik'izy ireo ianao ka hionona mahakasika ny famaizana izay efa nalefako tany Jerosalema, sy momban'ireo zavatra hafa rehetra izay nalefako teo amin'ilay tany. [23]Ireo sisa velona dia hampionona anareo rehefa hitanareo ireo fomba sy fihetsik'izy ireo, koa dia ho fantatrareo ireo zavatra rehetra efa vitako taminy, fa tsy nataoko zava-poana ireo! —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."

15 [1]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Ry zanak'olona, inona no mahatsara ny tahom-boaloboka bebe kokoa noho ny hazo rehetra misy rantsana izay eo amin'ireo hazo ao an'ala? [3]Moa ve ny olona maka hazo avy amin'ny tahom-boaloboka mba hanaovana zavatra? Na moa ve izy ireo manao fanantonana avy amin'izany mba hanantonan-javatra? [4]Indro! Raha atsipy anaty afo atao kitay izany, ary raha nandoro ny morony roa sy ny eo afovoany ny afo, moa mbola tsara hanaovan-javatra ve izany?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Indro! Rehefa tanteraka izany, dia tsy afaka hanaovana na inona na inona; azo antoka avy eo fa, rehefa nirehitra ilay afo, dia tsy mbola azo hanaovana na inona na inona izany. [6]Noho izany ny Tompo Yaveh dia milaza izao: Tsy toy ireo hazo any an'ala, efa nanome ny tahom-boaloboka ho kitay ho an'ny afo Aho; hanao tahaka izany koa Aho amin'ireo mponin'i Jerosalema.
[7]Fa hanohitra azy ireo ny tavako. Na dia mivoaka avy ao amin'ny afo aza izy ireo, dia handevona azy ireo ny afo; dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh, rehefa nanohitra azy ireo ny tavako. [8]Avy eo hataoko any amin'ny tany foana ilay tany satria nanota izy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh."

16 [1]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"Ry zanak'olona, ampahafantaro momba ireo fahavetavetany i Jerosalema, [3]ary ambarao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh amin'i Jerosalema: Ny fiandohanao sy ny nahaterahanao dia tao amin'ny tany Kanana; Amorita ny rainao, ary Hetita ny reninao.
[4]Amin'ny andron'ny fahaterahanao, dia tsy nanapaka ny tadi-poitranao, na nanadio anao tamin'ny rano na nanasa anao tamin'ny ranon-tsira, na nandrakotra lamba nanodidina anao ny reninao. [5]Tsy nisy maso nangoraka anao ka hanao ireo zavatra ireo aminao, mba hangoraka anao. Tamin'ny andro izay nahaterahanao, niaraka tamin'ny fankahalana ho an'ny fiainanao, dia natsipy teo amin'ny saha malalaka ianao.
[6]Kanefa nandalo teo aminao Aho, ary nahita anao nihosinkosina tamin'ny rànao; ka hoy Aho taminao tamin'ny rànao hoe: "Miveloma!" hoy Aho taminao tamin'ny rànao hoe: "Miveloma!" [1] [7]Nampitomboiko tahaka ny voly eny amin'ny saha ianao. Niha-maro ianao ary niha-lehibe, ka tonga ravaky ny firavaka. Naniry nono ianao, ary niha-natevina ny volonao, na dia nitanjaka sy niboridana aza ianao.
[8]Nandalo teo aminao indray Aho, ary hitako ianao. Indro! tonga taminao ny fotoan'ny fitiavana, ka namelatra ny akanjoko taminao Aho ary nanarona ny fitanjahanao. Avy eo dia nianiana taminao Aho ary nitondra anao tamin'ny fanekena—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—ka lasa Ahy ianao.
[9]Koa nanasa anao tamin'ny rano sy nanasa ny rà taminao Aho, ary nanosotra diloilo anao. [10]Nampiakanjoko tamin'ireo akanjo misy peta-kofehy ianao ary nasiko kapa hoditra ny tongotrao. Norakofako tamin'ny rongony fotsy madinika ianao ary nosaronako tamin'ny landy. [11]Avy eo dia noravahako tamin'ny firavaka ianao, ary nasiako haingon-tanana ny tananao, ary rojo manodidina ny vozonao. [12]Nasiako kavin'orona ny vavoronao ary kavin-tsofina ny sofinao, ary satro-boninahitra tsara tarehy teo ambony lohanao.
[13]Koa voaravaka tamin'ny volamena sy volafotsy ianao, ary niakanjo rongony fotsy madinika, landy, ary akanjo misy peta-kofehy; nihinana koba manify ianao, tantely, ary diloilo, ka tena tsara tarehy tokoa ianao, ary lasa mpanjaka vavy. [14]Niely teo amin'ireo firenena nohon'ny hatsaranao ny lazanao, satria tonga lafatra tamin'ny fiandrianana izay nomeko anao ianao—izany no fanambaran'i Yaveh.
[15]Fa natoky ny hatsaranao ianao, ka nanao tahaka ny mpivarotena nohon'ny lazanao; nandraraka ny fivarotan-tenanao tamin'izay rehetra nandalo ianao, ka lasany koa ny hatsaranao. [16]Avy eo dia naka ireo akanjonao ianao ary nanao toerana avo voahaingo karazan-doko tamin'ireo ho anao, ary tao ianao no nanao ny fivarotan-tenanao. Tsy tokony niseho izany. Na hoe tokony tsy nisy ny zavatra tahaka izany.
[17]Nalainao ireo firavaka manify vita tamin'ny volamena sy volafotsy izay nomeko anao, ary nanao sarin-dehilahy ho anao ianao, ka nanao tahaka izay ataon'ny mpivarotena tamin'ireo. [18]Nalainao ireo akanjo misy peta-kofehy ary nasaronao ireo, ary napetrakao teo alohan'ireo ny diloiloko sy ireo zava-manitro. [19]Ny mofo izay nomeko anao—vita tamin'ny koba manify, diloilo, ary tantely—dia napetrakao teo alohan'ireo mba ho hanitra ankasitrahana, fa izany no niseho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[20]Avy eo dia nalainao ireo zanakao lahy sy ireo zanakao vavy izay naterakao ho Ahy, ary nataonao sorona ho an'ireo sary izy ireo mba ho voarapaka tahaka ny sakafo. Moa ve olana kely ireo asa fivarotan-tenanao? [21]Novonoinao ireo zanako ary nataonao tao amin'ny afo. [22]Tsy nihevitra momba ireo andron'ny fahatanoranao ianao tamin'ireo fahavetavetanao sy ireo asa fivarotan-tenanao, fony nitanjaka sy niboridana ary mbola nihosona tamin'ny rànao.
[23]Loza! Loza ho anao! —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—noho izany, fanampin'ireo haratsim-panahy rehetra ireo, [24]dia nanorina efitrano avo ho anao eraky ny kalamanjana rehetra ianao.
[25]Nanorina ny toerana avonao tany amin'ny lohan'ny lalana rehetra ianao ary nanimbazimba ny hatsaranao, fa nanome ny vatanao an'izay rehetra nandalo ianao ary nampitombo asa fivarotan-tena maro. [26]Nanao tahaka ny mpivaro-tena niaraka tamin'ireo Egyptiana, ireo mpiara-moninao be filàna, ary nanao asa fivarotan-tena maro, nahatezitra Ahy ianao.
[27]Indro! hamely anao amin'ny tanako Aho ary hanajanona ny sakafonao. Hatolotro an'ireo fahavalonao, dia ireo zanaka vavin'ireo Filistina, izay menatra tamin'ny toetra mamoafadinao ny ainao. [28]Nanao tahaka ny mpivarotena niaraka tamin'ireo Asyriana ianao satria tsy nety afa-po. Nanao tahaka ny mpivarotena ianao ary mbola tsy nety afa-po ihany.
[29]Nampitombo asa fivarotan-tena maro tao amin'ny tanin'ireo mpivarotr'i Kaldea ianao, ary na izany aza dia tsy nahafa-po anao.
[30]Tahaka ny ahoana ny fahararian'ny fonao—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—no anaovanao ireo zavatra rehetra ireo, dia ireo asan'ireo mpivaro-tena tsy menatra? [31]Nanorina ireo toerana avonao teo amin'ny lohan'ny lalana rehetra ianao ary nanorina trano avo eraky ny kalamanjana rehetra. Fa kosa tsy tahaka ny mpijangajanga ianao satria nandà handray vola.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[32]Ianao ry vehivavy mpijangajanga, nanaiky ireo hafa ianao raha tokony ho ny vadinao ihany. [33]Ny olona dia manome vola ireo mpivaro-tena rehetra, fa ianao kosa nanome ny karamanao ho an'ireo olon-tianao rehetra sy namitaka azy ireo mba ho tonga ao aminao avy amin'ny manodidina rehetra ho an'ny asa fivarotan-tenanao. [34]Koa misy fahasamihafana aminao sy ireo vehivavy hafa ireo, satria tsy misy olona manatona anao mba hangataka anao hiara-mandry amin'izy ireo. Fa kosa, mandoa vola amin'izy ireo ianao. Tsy misy olona mandoa vola aminao.
[35]Noho izany, ry mpivaro-tena, henoy ny tenin'i Yaveh. [36]Yaveh Tompo milaza izao: Satria ianao nandraraka ny filànao sy nampiseho ny faritra mamoafadinao tamin'ireo asa fivarotan-tena niaraka tamin'ireo olon-tianao rehetra ary niaraka tamin'ireo sampy vetavetanao rehetra, ary nohon'ny ràn'ny zanakao izay nomenao an'ireo sampinao, [37]noho izany, indro! hanangona ireo olon-tinao rehetra izay nihaonanao, ireo rehetra tianao sy ireo rehetra halanao, ary hanangona azy ireo hanohitra anao amin'ny lafiny rehetra Aho. Hampiseho ny faritra mamoafadinao amin'izy ireo Aho mba hahitan'izy ireo ny fitanjahanao rehetra.
[38]Fa hanasazy anao amin'ny fijangajanganao sy ny fandatsahan-drà Aho, ary hitondra ireo ràn'ny fahatezerako sy ny fahasarotam-piaroko eo aminao. [39]Hatolotro eo an-tanan'izy ireo ianao mba hanjeran'izy ireo ny efitrano avonao sy handrodanan'izy ireo ny toerana avonao ary hanala ny akanjonao sy haka ireo firavakao rehetra izy ireo. Ho avelan'izy ireo mitanjaka sy miboridana ianao.
[40]Avy eo dia hitondra vahoaka hanohitra anao sy hitoraka anao amin'ny vato Aho, ka ho tetitetehin'izy ireo amin'ny sabatr'izy ireo ianao. [41]Handoro ny tranonao izy ireo ary hampitombo ireo sazinao eo imason'ireo vehivavy maro, fa hamarana ny fivarotan-tenanao Aho, ka tsy handoa vola amin'ireo olon-tianao intsony ianao. [42]Avy eo dia hampitony ny hatezerako aminao Aho; hiala aminao ny hatezerako, satria ho afa-po Aho, ary tsy ho tezitra intsony.
[43]Satria tsy nahatsiaro ireo andron'ny fahatanoranao ianao ary nampiozongozona Ahy tamin'ny hatezerana noho ireo zavatra rehetra ireo, noho izany, indro! Izaho mihitsy no hampidina ny sazy noho izay vitanao ho eo amin'ny lohanao—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. Moa tsy nampianao fivarotan-tena ve ireo fampiharana maharikoriko hafa rehetra?
[44]Indro! Izay rehetra miteny ohabolana mahasika anao dia hiteny hoe: "Tahaka ny reniny ihany, dia tahaka izany koa ny zanany vavy." [45]Zanaka vavin'ny reninao, izay nankahala ny vadiny sy ny zanany ianao, ary rahavavin'ireo rahavavinao izay nankahala ireo vadiny sy ireo zanak'izy ireo. Hetita ny reninao, ary Amorita ny rainao.
[46]Ny zokinao vavimatoa dia Samaria ary ireo zanany vavy dia ireo izay monina any avaratra, raha toa ka monina any atsimonao ny rahavavy faravavinao, izany hoe, Sodoma sy ireo zanany vavy.
[47]Ianao dia tsy nandeha tamin'ny lalan'izy ireo sy naka tahaka ny fitondran-tenan'izy ireo sy ny fanaon'izy ireo fotsiny ihany, fa ratsy tamin'ny fombanao rehetra noho izy ireo ianao. [48]Raha mbola velona koa Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—Sodoma rahavavinao sy ireo zanany vavy, dia tsy nanao ratsy maro tahaka anao sy izay vitan'ireo zanakao vavy.
[49]Indro! Izao no fahotan'i Sodoma rahavavinao: niavonavona tamin'ny fahabetsahan-kaniny, tamin'ny tsy fitandremana sy tsy firaharahiana momban'ny zava-drehetra izy. Tsy nanampy ireo mahantra sy ireo olona mila fanampiana izy.
[50]Niavonavona sy nanao asa vetaveta teo anatrehako izy, ka nalako araka ny hitanareo izy ireo.
[51]Samaria dia tsy nanao ny antsasaky ny fahotanao akory; ianao kosa nanao zavatra vetaveta maro be noho izay nataon'izy ireo, ary nampiseho ianao fa ireo rahavavinao dia mendrika kokoa noho ianao noho ireo zavatra vetaveta rehetra ataonao! [52]Ianao manokana, no mampiseho ny henatrao; tamin'izany fomba izany no nanehoanao fa ireo rahavavinao dia mendrika kokoa noho ianao, noho ireo fahotana izay nataonao tamin'ireo fomba vetaveta rehetra ireo. Ireo rahavavinao ankehitriny dia toa mendrika noho ianao. Ianao manokana, no nampiseho ny henatrao, ka tamin'izany fomba izany no nanehoanao fa ireo rahavavinao dia mendrika noho ianao.
[53]Fa hamerina amin'ny laoniny ireo haren'izy ireo Aho—ireo haren'i Sodoma sy ireo zanany vavy, ary ireo haren'i Samaria sy ireo zanany vavy; fa ireo harenanao kosa dia ho eo amin'izy ireo. [54]Amin'ireo zavatra ireo no hanehoanao ny henatrao; ho afa-baraka nohon'ny zavatra rehetra vitanao ianao, ary amin'izany fomba izany dia ho fampiononana ho azy ireo ianao. [55]Koa i Sodoma rahavavinao sy ireo zanany vavy dia ho averina amin'ny toetran'izy ireo teo aloha, ary i Samaria sy ireo zanany vavy dia ho averina amin'ireo fananany teo aloha. Avy eo ianao sy ireo zanakao vavy ho averina amin'ny fari-piainanao teo aloha.
[56]Sodoma rahavavinao dia tsy voatonon'ny vavanao akory tamin'ireo andro nireharehanao, [57]talohan'ny nanambarana ireo haratsianao. Fa ankehitriny dia ambentina fahafaham-baraka amin'ireo zanaka vavin'i Edoma sy amin'ireo zanaka vavin'ireo Filistina rehetra manodidina azy ianao. Manao tsinontsinona anao avokoa ny vahoaka rehetra. [2] [58]Haneho ny henatrao sy ireo asa vetavetanao ianao! —izany no fanambaran'i Yaveh!
[59]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Hifampiraharaha aminao araka izay mendrika anao Aho, ianao izay nanao tsinontsinona ny voadinao tamin'ny fandravana ilay fanekena.
[60]Fa Izaho mihitsy no hampatsiahy ny fifanekeko taminao izay natao tamin'ireo andron'ny fahatanoranao, ary hanao fanekena tsy manam-pahataperana miaraka aminao Aho. [61]Ary hahatsiaro ireo fombanao ianao ka ho menatra rehefa handray ireo zokinao vavy sy ireo zandrinao vavy. Homeko anao tahaka ny zanaka vavy izy ireo, kanefa tsy nohon'ny fanekenao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[62]Izaho mihitsy no hanao ny fanekeko miaraka aminao, ka hahafantatra ianao fa Izaho no Yaveh. [63]Noho ireo zavatra ireo, dia hahatsiaro ny zavatra rehetra ianao ka ho menatra, ary tsy hanokatra ny vavanao mba hiteny intsony ianao nohon'ny henatrao, rehefa namela anao tamin'ireo izay nataonao rehetra Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'"

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny vaovao sasany dia manala ny fisehoan-javatra faharoa hoe: "Hoy Aho taminao tamin'ny ránao hoe: "Miveloma!""
[2]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Edoma", dia ny dikan-teny sasany taloha sy vaovao dia manao hoe: "Arama" izany hoe: Syria.

---

17 [1]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Ry zanak'olona, manaova fampanonona ary milazà fanoharana amin'ny ankohonan'Israely. [3]Lazao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Nisy voromahery lehibe izay manana elatra lehibe sy volon'elatra lava, feno volom-borona, ary maro loko nankany Libanona ary nihazona ny teo an-tendron'ny hazo sedera.
[4]Nanapaka ny tendron'ny ravina eo amin'ireo sampana izany ary nitondra ireo tany amin'ny tany Kanana; namboly izany tao amin'ny tanànan'ireo mpivarotra izy.
[5]Naka voan'ny tany misimisy koa izy ary namboly izany tamin'ny tany mahavokatra. Napetrany teo amoron'ny vatan-drano lehibe tahaka ny hazo malahelo izany. [6]Dia nitsimoka ary lasa fielezan'ny voaloboka ambany amin'ny tany izany. Ireo sampany dia niodina teo aminy, ary ireo fakany nitombo teo ambanin'izany. Dia lasa voaloboka sy namokatra rantsana izany ary namoaka sampany.
[7]Fa nisy voromahery lehibe hafa koa izay manana elatra lehibe sy volom-borona maro. Indro! Ity voaloboka ity dia nampiodina ny fakany tamin'ny voromahery, ary mamelatra ireo sampany tamin'ilay voromahery avy eo amin'ny toerana izay efa nambolena izany mba ho voatondraka izany. [8]Voavoly teo amin'ny tany tsara amoron'ny vatan-drano lehibe izany ka afaka mamokatra sampana sy mampitsimoka vokatra, mba ho lasa voaloboka mahafinaritra.'
[9]Lazao amin'ny vahoaka hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ho ambinina ve izany? Tsy hongotana amin'ny fakany sy endahana amin'ny voany mba halazo ve izany, ary mba halazo ny solofony rehetra? Tsy hisy sandry mahery na vahoaka betsaka ilaina mba hanongotra izany amin'ireo fakany. [10]Koa indro! Na dia voavoly aza izany, dia hitsimoka ve? Tsy halazo ve izany rehefa mikasika azy ny rivotra avy any atsinanana? Halazo tanteraka amin'ny teti-dratsiny izany.'"
[11]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [12]"Lazao amin'ny taranaka mpikomy hoe: 'Hainareo ve ny dikan'ireo zavatra ireo? Indro! Tonga tao Jerosalema ny mpanjakan'i Babylona ary naka ny mpanjakany sy ireo andrian-dahiny ary nitondra azy ireo tany aminy tany Babylona.
[13]Dia nitondra taranak'andriana izy, nanao fanekena taminy, ary nitondra azy tamin'ny fianianana. Namoaka ireo vahoaka mahery teo amin'ny tany izy, [14]mba hietry ny fanjakana fa tsy hiarina. Amin'ny fitandremana ny fanekeny no hahavelona ny tany.
[15]Fa ny mpanjakan'i Jerosalema dia nikomy nanohitra azy tamin'ny fandefasana ireo masoivohony ho any Egypta mba hahazo soavaly sy tafika. Hahomby ve izy? Handositra ve izay manao ireo zavatra ireo? Raha mamadika ny fanekena izy, dia handositra ve? [16]Raha velona koa Aho! —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—dia ho faty eo amin'ny tanin'ny mpanjaka izay nanao azy ho mpanjaka tokoa izy, ilay mpanjaka izay nataony tsinontsinona ny fianianany, ary izay nivadihany ny fanekeny. Ho faty eo afovoan'i Babylona izy.
[17]Farao sy ny tafiny mahery ary ireo fiangonan'ny olona maro ho amin'ny ady dia tsy hiaro azy any an'ady, rehefa manorina fahirano dongon-tany sy fahirano rindrina handringanana olona maro ny tafikin'ny Babyloniana. [18]Fa efa nanao tsinotsinona ny fianianany tamin'ny famadihana ilay fanekena ny mpanjaka. Indro, efa naninjitra ny tanany hanao fampanantenana izy ary efa nanao ireo zavatra rehetra ireo. Tsy handositra izy.
[19]Koa izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Raha velona koa Aho, tsy ny fianianako ve no nataony tsinontsinona ary ny fanekeko no nivadihany? Koa hitondra ny famaizany ho eo amin'ny lohany Aho! [20]Hampiely ny haratoko eo aminy Aho, ary ho tratran'ny harato fihazako izy. Dia hitondra azy any Babylona sy hampihatra fitsarana aminy any Aho ho an'ny famadihana izay nataony raha namadika Ahy izy! [21]Ny fialofany rehetra ao amin'ny tafiny dia ho lavon'ny sabatra, ary ireo izay mitoetra dia haparitaka any amin'ny lalana rehetra. Dia ho fantatrao fa Izaho no Yaveh; Izaho no nanambara fa hitranga izany."
[22]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: 'Koa ny tenako mihitsy no haka ny rantsana avo amin'ny hazo sedera, ary hamboly izany eo amin'ireo sampana malefaka. Hanapaka izany Aho, ary ny tenako no hamboly izany any amin'ny tendrombohitra avo. [23]Hamboly izany any amin'ny tendrombohitr'Israely Aho koa handrantsana sy hamokatra voa izany, dia ho tonga sedera malaza izay honenan'ny vorona manan'elatra rehetra izany. Hitoetra eo amin'ny alokalok'ireo sampany ireo.
[24]Dia ho fantatry ny hazo rehetra any an-tsaha fa Izaho no Yaveh. Mampietry ny hazo avo ary manandratra ireo hazo iva Aho. Mampalazo ny hazo voatondraka Aho ary mampitsiry ny hazo maina. Izaho no Yaveh, efa nambarako fa hitranga izany; ary efa nanao izany Aho.'"

18 [1]Tonga tamiko Indray ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"Inona no tinao hambara, ianao izay mampiasa izany ohabolana izany momban'ny tanin'Israely ary manao hoe: 'Ny ray dia mihinana voaloboka marikivy, ary ny nifin'ny zanaka dia natao naranitra'?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Raha mbola velona koa Aho—izany ny fanambaran'ny Tompo Yaveh—tsy hisy fahafahana ho anao hampiasa ity ohabolana ity any Israely intsony. [4]Indro! Ny fiainana rehetra dia Ahy—ny fiainan'ny ray tahaka ny fiainan'ny zanaka, Ahy izy ireo! Ny fanahy izay manota no ho faty!
[5]Inona no afaka lazaina momban'ny olona izay marina sy izay manatanteraka ny rariny sy ny fahamarinana— [6]raha tsy mihinana eo amin'ny tendrombohitra na manandratra ny masony amin'ny sampin'ny ankohonan'Israely izy, ary tsy mandoto ny mpiara-belona amin'ny vadiny, na manakaiky vehivavy mandritry ny fadim-bolany, moa ve lehilahy marina izy?
[7]Inona no afaka lazaina momban'ny lehilahy tsy mampahory an'iza na iza, ary mamerina an'ilay mpitrosa izay napetraka ho fiarovana ho an'ny findramam-bola izy, ary tsy mangalatra fa manome ny haniny ho an'ny noana sy manarona ny mitanjaka amin'ny fitafy, moa ve olo-marina izy? [8]Inona no afaka lazaina momban'ny olona tsy maka tombony be loatra amin'ny vola indraminy, ary tsy maka tombony be loatra amin'izay amidiny? Nolazaina momba azy fa mitondra ny rariny sy mametraka fahatokiana eo amin'ny olona izy. [9]Raha mandeha amin'ny lalako izany olona izany ka mihazona ny didiko mba hiasa am-pahatokiana, dia izao ny fampanantenana ho an'ity olo-marina ity: ho velona tokoa izy—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[10]Fa raha atao hoe manan-janaka mahery setra izay mandatsa-drà sy manao maro amin'ireo zavatra izay notanisaina teto ireo izy [1] [11]na dia tsy nanao ireo zavatra ireo aza ny rainy, fa mihinana eo amin'ireo tendrombohitra sy mamitaka ny mpiara-belona amin'ny vadiny izy, inona no afaka lazaina momba azy?
[12]Mampahory ny mahantra sy ny mila fanampina izany olona izany, ary mambabo sy mandroba izy, ary tsy mamerina ny antoka, ka manandratra ny masony amin'ireo sampy sy manao asa maharikoriko, [13]ary mapindram-bola be loatra izy ka maka tombony be loatra amin'izay amidiny, tokony ho velona ve izany olona izany? Azo antoka fa tsy ho velona! Ho faty tokoa izy ary ny ràny dia ho eo aminy satria nanao ireo zavatra mahatsiravina rehetra ireo izy.
[14]Fa indro! Hevero hoe misy olona miteraka zaza lahy, ary ny zanany lahy dia mahita ny fahotana rehetra izay nataon'ny rainy, ary na dia hitany aza ireo, dia tsy manao ireo zavatra ireo izy. [15]Tsy mihinana eo amin'ny tendrombohitra izany zanaka lahy izany, ary tsy manandratra ny masony amin'ireo sampin'ny ankohonan'Israely, sy tsy mamitaka ny mpiara-belona amin'ny vadiny, inona no afaka lazaina momba azy?
[16]Tsy mampahory na iza na iza izany zanaka izany, na manao antoka, na maka zavatra nangalarina, fa kosa manome ny haniny ho an'ny noana sy manarona ny mitanjaka amin'ny fitafiana. [17]Tsy mampahory na iza na iza na mindram-bola be loatra na maka tombony be loatra amin'ny findramam-bola izany zanaka lahy izany, nefa mitondra ny lalàko sy mandeha araka ny didiko; tsy ho faty nohon'ny fahotan-drainy izany zanaka lahy izany: azo antoka fa ho velona izy!
[18]Satria mampahory ny hafa amin-kery sy mandroba ny rahalahiny, ary manao izay tsy mety eo amin'ny olona, ny rainy—Indro, ho faty amin'ny helony izy.
[19]Fa ianao milaza hoe: 'Nahoana ilay zanaka lahy no tsy mitondra ny heloky ny rainy?' Satria mitondra fahitsiana sy fahamarinana ary mitandrina ny lalàko rehetra ilay zanaka lahy; manao ireo izy. Azo antoka fa ho velona izy! [20]Ilay iray izay manota, no ho faty. Ny zanaka lahy dia tsy hitondra ny heloky ny rainy, ary ny ray tsy hitondra ny heloky ny zanany lahy. Ny fahamarinan'ilay iray izay miasa tsara dia ho aminy ihany, ary ny faharatsian'ny ratsy fanahy dia ho aminy ihany.
[21]Fa raha miala amin'ny fahotana rehetra izay nataony ilay ratsy fanahy, ary mitandrina ny lalàko sy manao ny rariny ary ny fahamarinana, dia azo antoka fa ho velona izy fa tsy ho faty. [22]Ny fandikan-dalàna izay efa nataony dia tsy hampatsiahivina azy. Hiaina amin'ny fahamarinana izay hataony izy.
[23]Moa ve tena miravoravo fatratra amin'ny fahafatesan'ny ratsy fanahy Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—fa tsy amin'ny fialany amin'ny lalany mba hahafahany miaina?
[24]Fa raha miala amin'ny fahamarinany sy manota ary manao heloka sy fahavetavetana toy ny fahavetavetana rehetra ataon'ny olon-dratsy ny olo-marina, dia ho velona ve izy? Ny fahamarinana rehetra izay efa nataony dia tsy hampatsiahivina intsony rehefa mamadika Ahy amin'ny famadihany izy. Ka ho faty amin'ny fahotana izay nataony izy.
[25]Fa ianao milaza hoe: 'Ny lalan'ny Tompo dia tsy ara-drariny!' Henoy, ry ankohonan'Israely! Moa ve tsy ara-drariny ny lalanareo? [26]Rehefa miala amin'ny fahamarinany ny olo-marina, ary manota ka maty noho ireo, dia ho faty amin'ny fahotana izay nataony izy.
[27]Fa raha miala amin'ny faharatsiana izay nataony sy manao ny rariny sy ny fahamarinana ny ratsy fanahy, dia hahavonjy ny fiainany izy. [28]Fa efa nahita ary niala tamin'ny fandikan-dalàna rehetra izay efa nataony izy. Azo antoka fa ho velona izy, ary tsy ho faty.
[29]Fa ny ankohonan'Israely milaza hoe: 'Ny lalan'ny Tompo dia tsy ara-drariny!' Amin'ny fomba ahoana no tsy maha-ara-drariny ny lalako, ry ankohonan'Israely? Ireo lalanao no tsy ara-drariny. [30]Noho izany dia hitsara ny lehilahy tsirairay eo aminareo araka ireo fombany Aho, ry ankohonan'Israely! —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. Mibebaha ary mialà amin'ny fandikan-dalànareo mba tsy ho vato misakana fahotana aminareo izy ireo.
[31]Alao amin'ny tenanareo ireo fandikan-dalàna rehetra izay efa nataonareo ireo; anaovy fo vaovao sy fanahy vaovao ny tenanareo. Nahoana ianao no tokony ho faty, ry ankohonan'Israely? [32]Fa tsy faly amin'ny fahafatesan'izay maty Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—koa mibebaha ary miveloma!"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: ny dikan-teny taloha sasany sy ny dikan-teny vaovao maro dia namela hoe: "ho an'ny rahalahy"

19 [1]"Ankehitriny ianao, manaova fitomaniana hanohitra ireo mpitarika ny Israely [2]ary lazao hoe: 'Iza no reninareo?
Liona vavy, niara-nonina tamin'ny zanaky ny liona izy; teo afovoan'ny liona tanora, nikolokolo ireo zanany izy. [3]Izy
ilay nitaiza ny iray tamin'ireo zanany ho tonga liona tanora, liona izay nianatra namiravira ireo hazany, ary dia nihinana
olona izy ireo. [4]Avy eo ireo firenena nandre ny momba azy. Tratra tao amin'ny fandrik'izy ireo izy, ary dia nentin'izy ireo
tamin'ny farango ho any amin'ny tanin'i Egypta.
[5]Koa hitany fa na dia niandry ny fiverenany aza izy, dia tsy manana fanantenana intsony izy ankehitriny, koa naka hafa
tamin'ireo zanany izy ka nitaiza azy ho tonga liona tanora. [6]Niaodiaody teo afovoan'ireo liona izany liona tanora izany.
Liona tanora izy ary nianatra namiravira ireo hazany; nihinana olona izy. [7]Nosamboriny ireo mpitondratenan'izy ireo
ary noravàny ny tanànan'izy ireo. Ny tany sy ny fahafenoiny dia nafoy nohon'ny feon'ny fierony. [1]
[8]Fa tonga hanohitra azy ireo firenena avy amin'ireo faritany manodidina; namelatra ny haraton'izy ireo teo amboniny izy
ireo. Voasambotra tao amin'ny haraton'izy ireo izy. [9]Tamin'ny farango no nanaovan'izy ireo azy tao amin'ny fanagiazana
ary nentin'izy ireo tany amin'ny mpanjakan'i Babylona izy. Nentin'izy ireo tany amin'ny fiarovana mafy izy mba tsy ho re
eo amin'ireo tendrombohitr'Israely intsony ny feony.
[10]Ny reninao dia toy ny voaloboka maniry ao amin'ny rànao eo anilan'ny rano. [2] namokatra izany ary feno rantsana
nohon'ny fitobaky ny rano. [11]Mafy ny rantsan'izany izay fampiasa ho tehin'ireo mpanapaka, ary ny haben'izany dia
nasandratra ambonin'ireo rantsany, ary ny haavony dia hita amin'ny haben'ny raviny.
[12]Fa nongotana tamin'ny fahavinirana ilay voaloboka ary natsipy tamin'ny tany, ary nisy rivotra avy any atsinanana
nanamaina ny voany. Ireo rantsany mafy dia tapatapaka sy nalazo ary ny afo no nandevona azy ireo. [13]Koa ankehitriny
dia nambolena any an-tany efitra izany, any amin'ny tany maina sy karakaina.
[14]Fa afo no nivoaka avy tao amin'ireo rantsany lehibe ka nandevona ny voany. Tsy misy rantsana mafy intsony
amin'izany, tsy misy tehina hanapaka.' Fitomaniana izany ary ho hiraina toy ny hira fisaonana."

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Nosamboriny ireo mpitondratenan'izy ireo", ny dikan-teny sasany taloha sy dikan-teny maro taty aoriana no manao hoe: "Noravàny ny fiarovana mafin'izy ireo."
[2]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Ao amin'ny rànao", ny dikan-teny taloha sasany sy dikan-teny maro taty aoriana no manao hoe: "ao amin'ny tanim-boalobokao."

20 [1]Ary tamin'ny taona fahafito, tamin'ny andro fahafolon'ny volana fahadimy, dia tonga ny loholon'Israely hanontany
an'i Yaveh ka nipetraka teo anoloako.
[2]Ary tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [3]"Ry zanak'olona, ambarao amin'ny loholon'Israely ary lazao azy ireo hoe:
'Ny Tompo Yaveh milaza izao: Tonga hanontany Ahy ve ianao? Raha velona koa Aho, dia tsy hanontanianao! — izany ny
fanambaran'ny Tompo Yaveh.'
[4]Hitsara azy ireo ve ianao? Hitsara ve ianao, ry zanak'olona? Aoka izy ireo hahafantatra ny fahavetavetan'ny razambeny.
[5]Lazao azy ireo fa: 'Yaveh Tompo milaza izao: Tamin'ny andro izay nisafidianako ny Israely sy nanandratako ny tanako
mba hianiana fianianana teo amin'ireo taranaky ny ankohonan'i Jakoba, sy nampahafantarako azy ireo ny tenako tany
amin'ny tany Egypta, rehefa nanandratra ny tanako mba hianiana fianianana teo amin'izy ireo Aho. Hoy Aho hoe: "Izaho
no Yaveh Andriamanitrareo"— [6]tamin'izany andro izany no nanandratako ny tanako mba hianiana fianianana teo
amin'izy ireo fa hitondra azy ireo hivoaka amin'ny tany Egypta ho eo amin'ny tany izay efa nofantenako tsara ho azy ireo
Aho. Tondra-dronono sy tantely izany; izany no firavaka tsara indrindra eo amin'ny tany rehetra.
[7]Hoy Aho tamin'izy ireo: "Aoka ny olona tsirairay hanary ireo zavatra maharikoriko eo anoloan'ny masony sy ireo
sampin'i Egypta. Aza mandoto ny tenanareo; Izaho no Yaveh Andriamanitrareo."
[8]Nefa nikomy tamiko izy ireo ary tsy nety nihaino Ahy. Ny olona tsirairay tsy nisy nanary ny zavatra maharikoriko teo
anoloan'ny masony na nahafoy ny sampin'i Egypta, koa dia tapa-kevitra handraraka ny fahavinirako eo amin'izy ireo Aho
mba hahafa-po ny fahatezerako eo amin'izy ireo eo afovoan'ny tany Egypta. [9]Niasa ho an'ny anarako Aho mba tsy ho
voazimbazimba eo imason'ireo firenena izay nitoerany izany. Nampahafantariko teo imason'izy ireo ny tenako, tamin'ny
fitondrana azy ireo nivoaka ny tany Egypta.
[10]Koa dia nandefa azy ireo nivoaka ny tany Egypta Aho ary nitondra azy ireo ho any an'efitra. [11]Dia nanome azy ireo ny
lalàko Aho ary nampahafantatra azy ireo ny didiko, izay hahavelona ny olona raha mankato ireo izy.[12]Nanome azy ireo
ny Sabatako ho famantarana eo Amiko sy izy ireo ihany koa Aho, mba hahafantaran'izy ireo fa Izaho no Yaveh izay
manamasina azy ireo.
[13]Nefa ny taranak'Israely dia nikomy hanohitra Ahy tany an'efitra. Tsy nanaraka ny lalàko izy ireo; fa kosa, nandà ny
didiko, izay hahavelona ny olona raha mankato izany izy ireo. Nanimbazimba tanteraka ny sabatako izy ireo, koa nilaza
Aho fa hararako eo amin'izy ireo any an'efitra ny fahatezerako mba hahalany tamingana azy ireo. [14]Nefa niasa ho an'ny
anarako Aho mba tsy ho zimbazimbaina eo imason'ireo firenena izany, izay teo imasony no nitondrako azy ireo nivoaka
tao Egypta.
[15]Koa nanandratra ny tanako ihany koa Aho mba hianiana fianianana amin'izy ireo any an'efitra fa tsy hitondra azy ireo
any amin'ny tany izay efa homeko azy ireo, dia tany tondra-dronono sy tantely, izay firavaka tsara indrindra eo amin'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tany rehetra. [16]Nianiana izany Aho satria nandika ny didiko izy ireo ary tsy nanaraka ny lalàko, ary nanimbazimba ny Sabatako, satria nanaraka ireo sampiny ny fony. [17]Fa niantra azy ireo tamin'ny faharavàny ny masoko ary tsy nandringana azy ireo tany an'efitra Aho.
[18]Hoy Aho tamin'ireo zanany lahy sy zanany vavy tany an'efitra hoe: "Aza mandeha araka ny lalàn'ny ray andreninareo; aza mitandrina ny didiny na manimbazimba ny tenanareo amin'ny sampy. [19]Izaho no Yaveh Andriamanitrareo, mandehana amin'ny lalàko; tandremo ny didiko ary ankatoavy ireo. [20]Tandremo ny Sabatako masina mba ho famantarana eo Amiko sy aminareo ireo, mba hahafantaranareo fa Izaho no Yaveh Andriamanitrareo."
[21]Fa nikomy tamiko ireo zanany lahy sy zanany vavy. Tsy nandeha tamin'ny lalàko izy ireo na nitandrina ny didiko, izay mahavelona ny olona raha mankatò ireo izy. Nanimbazimba ny Sabatako izy ireo, ka dia tapa-kevitra ny handraraka ny fahavinirako teo amin'izy ireo Aho mba hahafapo ny fahatezerako tamin'izy ireo tany an'efitra. [22]Nefa nampivily ny tanako Aho ary niasa nohon'ny amin'ny anarako, mba tsy ho voazimbazimba eo imason'ireo firenena izay teo imasony no namoahako ny Israelita izany.
[23]Nanandratra ny tanako mba hianiana amin'izy ireo any an'efitra ihany koa Aho, fa hampiely azy ireo eo amin'ireo firenena sy hanaparitaka azy ireo amin'ny tany. [24]Nanapa-kevitra ny hanao izany Aho satria tsy nankato ireo didiko izy ireo, ary satria nandà ireo lalàko izy ireo ary nanimbazimba ny Sabatako. Ny masony dia nanaraka ny sampin'ny razamben'izy ireo.
[25]Rehefa izany dia nanome azy ireo ny lalàna izay tsy tsara, ary ny didy izay tsy hahavelona azy ireo ihany koa Aho.
[26]Nandoto azy ireo tamin'ny fanomezan'izy ireo Aho rehefa nanao sorona ny voalohan-terak'izy ireo rehetra sy nanipy ireo tao amin'ny afo izy ireo. Nanao izany Aho mba hampihorohoro azy ireo ka hahafantarany fa Izaho no Yaveh!'
[27]Noho izany, ry zanak'olona, mitenena amin'ny taranak'Israely ary lazao azy ireo hoe: 'Ny Tompo Yaveh miteny izao: Tamin'izany ihany koa no nitenenan'ny razambenareo ratsy Ahy fony tsy nahatoky Ahy izy ireo. [28]Rehefa nitondra azy ireo ho ao amin'ny tany izay efa nianianako homena azy ireo Aho, ary na oviana na oviana nahita havoana avo izy ireo ary hazo mandravina, dia nanolotra ny sorony izy ireo, nampahatezitra Ahy tamin'ny fanatiny izy ireo, ary tao ihany koa no nandoran'izy ireo ny ditin-kazony manitra sy nampidinany ny fanatiny fisotro. [29]Dia hoy Aho tamin'izy ireo: "Inona ity toerana avo izay hitondranareo fanatitra ity?" Koa dia nantsoina hoe Bama ny anarany mandrak'androany.'
[30]Noho izany teneno amin'ny ankohonan'Israely hoe: 'Ny Tompo Yaveh miteny izao: Nahoana ianareo no mandoto ny tenanareo amin'ny fomban'ireo razambenareo? Koa nahoana ianareo no manao toy ny mpivarotena, mitady ireo zavatra maharikoriko? [31]Fa rehefa manolotra ny fanatitrareo ianareo ary mametraka ny zanakareo lahy anaty afo, manomboka amin'io andro io ianareo dia mandoto ny tenanareo amin'ny sampinareo rehetra. Koa nahoana Aho no tokony hamela anareo hanontany Ahy, ry ankohonan' Israely? Raha velona koa Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—dia tsy hamela anareo hanontany Ahy Aho. [32]Ny hevitra izay miforona ao an-tsainareo dia tsy ho tanteraka mihitsy. Hoy ianareo hoe: "Aoka izahay ho toy ny firenena hafa, tahaka ny foko ao amin'ny tany hafa izay manompo hazo sy vato."
[33]Raha velona koa Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—dia azo antoka fa hanjaka eo aminareo Aho amin'ny tanana mahery, sandry misandratra, ary fahatezerana izay alatsaka eo aminareo. [34]Hitondra anareo hiala avy eo amin'ireo olona hafa Aho ary hanangona anareo avy amin'ireo firenena teo amin'izay nanaparitahana anareo. Hanao izany amin'ny tanana mahery sy amin'ny hatezerana nararaka Aho. [35]Dia hitondra anareo any an'efitry ny olona Aho, ary any no hitsaràko anareo mivantana.
[36]Tahaka ny nitsaràko ny razambenareo tao an'efitry ny tany Egypta, no hitsaràko anareo ihany koa—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. [37]Hampandalo anareo eo ambanin'ny tsora-kazoko Aho, ary hampankato anareo ny fepetran'ny fanekena. [38]Handio ireo mpikomy sy ireo izay manohitra Ahy avy eo aminareo Aho. Handefa azy ireo avy eo amin'ny tany izay ipetrahan'izy ireo toy ny vahiny Aho, nefa tsy ho afaka ny hiditra amin'ny tanin'Israely izy ireo. Dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh.
[39]Ka ho anao, ry ankohonan'Israely, izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ny tsirairay aminareo dia tokony handeha any amin'ny sampiny avy. Manompoa azy ireo rehefa tsy hihaino Ahy ianareo, nefa aoka tsy hanimbazimba ny anarako masina amin'ny fanomezanareo sy ireo sampinareo intsony ianareo.
[40]Fa eo amin'ny tendrombohitro masina, eo an- tampon'ny tendrombohitr'Israely—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—ny ankohonan'Israely rehetra dia hanompo Ahy ao amin'ilay tany. Hahafaly Ahy ny mitaky ny fanatitrareo any, ary ny voaloham-bokatry ny fokonareo miaraka amin'ny zava-masinareo rehetra ihany koa. [41]Hanaiky anareo tahaka ny ditin-kazo manitra Aho rehefa mamoaka anareo avy eo amin'ny olona ary manangona anareo amin'ireo tanàna izay efa nanaparitahana anareo. Haneho ny tenako ho masina eo aminareo Aho mba ho hitan'ireo firenena.
[42]Ary, rehefa mitondra anareo any amin'ny tanin'ny Israely Aho, any amin'ilay tany izay efa nanandratako ny tanako hianianana fa omena ny razambenareo, dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh. [43]Avy eo dia ho tsaroanareo eo ireo fomba ratsinareo, sy ny asanareo rehetra izay nandoto ny tenanareo, ary hankahala ny tenanareo eo imasonareo ihany ianareo nohon'ny fanaovan-dratsinareo rehetra izay efa nataonareo. [44]Koa ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh rehefa manao izany aminareo nohon'ny amin'ny anarako Aho, fa tsy ho an'ny fomba ratsinareo na ny asa ratsinareo, ry ankohonan'Israely—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."'
[45]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [46]"'Ry zanak'olona, manatreha ny atsimon'ny tany, ary mitenena mianatsimo; maminania ny amin'ny hanoherana ny alan'i Negeva. [47]Teneno amin'ny alan'i Negeva hoe: 'Izao no fanambaran'i Yaveh—ny Tompo Yaveh milaza izao: Indro, handrehitra afo eo aminareo Aho. Handevona ny hazo vaovao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

rehetra sy ny hazo maina rehetra eo aminareo izany. Tsy ho vonoina ny lelafo mirehitra; ho dorana izay rehetra avy any atsimo ka hatrany avatra.
[48]Dia ho hitan'ny nofo rehetra fa Izaho no Yaveh rehefa mampirehitra ny afo Aho, ary tsy ho faty izany.'" [49]Ary hoy aho hoe: "Indrisy! Ry Tompo Yaveh, miteny ny amiko izy ireo hoe: 'Moa ve tsy mpiteny fanoharana fotsiny izy?'"

21 [1]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Ry zanak'olona, atodiho manatrika an'i Jerosalema ny tavanao, ary mitenena hanohitra ireo toerana masina; maminania hanohitra ny tanin'Israely. [3]Lazao amin'ny tanin'Israely hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh: Indro! Manohitra anao Aho! Havoakako avy ao amin'ny fitoerany ny sabatro ka hanapaka ny olo-marina sy ny ratsy fanahy hiala aminao!
[4]Mba hanapahako ny marina sy ny ratsy fanahy hiala aminao, dia hivoaka avy amin'ny fitoerany hamely ny nofo rehetra hatrany atsimo ka hatrany avaratra ny sabatro. [5]Dia ho fantatry ny firenena rehetra fa Izaho, Yaveh, no namoaka ny sabatro avy tao amin'ny fitoerany. Tsy hihemotra intsony izany!'
[6]Ny aminao, ry zanak'olona, misentoa raha vaky ny voanao! Misentoa am-pahangidiana eo imason'izy ireo! [7]Ary hanontany anao izy ireo hoe: "Inona no antony hisentoanao?' Dia hiteny ianao hoe: 'Nohon'ny amin'ny vaovao izay ho avy, fa ho ketraka ny fo rehetra, ary halemy ny tanana rehetra! Hiha-ketraka ny fanahy rehetra, ary hikoriana toy ny rano ny lohalika rehetra. Indro! Ho avy izany ary ho tahaka izany! —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'"
[8]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [9]"Ry zanak'olona, maminania ary lazao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo: Lazao hoe: Sabatra! Sabatra! Ho ranitina izany ary hatao mangirana!
[10]Ho ranitina izany mba hampiasaina amin'ny famonoana lehibe! Hatao mangirana izany mba ho tahaka ny tselatra! Tokony hifaly amin'ny tehim-panjakan'ny zanako ve isika? Halan'ny sabatra ho avy ny tsora-kazo rehetra tahaka izany!
[11]Koa dia homena hatao mangirana ny sabatra, ary mba ho hazonin'ny tanana avy eo! Voaranitra ny sabatra ary natao mangirana ary homena ho eo an-tanan'ilay iray izay mamono izany!'
[12]Miantsoa vonjy ary mitomania, ry zanak'olona! Fa izany sabatra izany dia tonga hamely ny oloko! Manohitra ireo mpitarik'Israely izany. Natsipy ho amin'ny sabatra niaraka tamin'ny oloko izy ireo. Noho izany, mikapokapoa fe! [13]Fa misy ny fitsaràna, saingy ahoana raha tsy maharitra ny tehina? —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[14]Ankehitriny ianao, ry zanak'olona, maminania ary mitehafa tanana, fa hamely fanintelony mihitsy aza ny sabatra! Sabatra ho an'ireo izay ho vonoina! Sabatra ho an'ireo maro izay ho vonoina izany, mitrobaka azy ireo na aiza na aiza!
[15]Mba hampitsonika ny fony sy hampitombo ireo lavony, dia napetrako hanohitra ny vavahadin'izy ireo ny famononan'ny sabatra! Loza! Natao tahaka ny tselatra izany, izay nafahana ho any amin'ny mpivaro-kena! [16]Ianao, ry Sabatra! Mameleza avy eo ankavanana! Mameleza avy eo ankavia! Mandehana eo amin'izay rehetra hitodiahan'ny tavanao. [17]Fa hamely ny tanako roa ihany koa Aho; ary avy eo dia hitondra ny fahavinirako ho amin'ny fitsaharana! Izaho, Yaveh no manambara izany!"
[18]Tonga tamiko indray ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [19]"Ankehitriny ianao, ry zanak'olona, manendre lalana roa hiavian'ny sabatry ny mpanjakan'i Babylona. Samy hanomboka eo amin'ny tany iray ihany ireo lalana roa, ary hisy takelaby hanamarika ny iray amin'ireo hitondra any amin'ny tanàna. [20]Mariho ho an'ny tafika Babyloniana ny lalana iray mba hankany Raba, ilay tanànan'ny Amonita. Mariho hitondra any amin'ny tafik'i Joda sy ny tanànan'i Jerosalema, izay voaaro mafy ilay iray hafa.
[21]Fa ny mpanjakan'i Babylona dia hijanona eo amin'ny sampanan-dalana, eo amin'ny fifanenana, mba hanao sikidy. Hanozongozona tsipika maromaro izy ary hangataka tondro-lalana avy amin'ny sampy ary hizaha amin'ny atin-kena. [22]Eo amin'ny tanany havanana dia hisy fambara momban'i Jerosalema, mba hametraka andry vy fandrodanana hamely izany, mba hanokatra ny vavany hibaiko ny amin'ny famonoana, hamoaka hiakan'ady, hametraka andry vy fandrodanana hamelezana ny vavahady, hanamboatra tovon-tany, ary hampitsangana ny tilikambo fanaovana fahirano. [23]Ho ohatrin'ny fambara tsy misy dikany eo imason'ireo izay ao Jerosalema izany, dia ireo izay nanao fianianana voady tamin'ny Babyloniana! Fa hiampanga azy ireo nohon'ny fandikana ny dina ny mpanjaka mba hanaovana fahirano azy ireo!
[24]Noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Satria hampatsiahivinao Ahy ny helokao, dia hiseho ny faharatsianao! Ho hita amin'ny asanao rehetra ny fahotanao! Noho izany antony izany dia hampatsiahy ny olona rehetra ianao fa ho babon'ny tanan'ny fahavalonao ianao!
[25]Ny aminao, ry mpanapak'Israely mpanimbazimba sady ratsy fanahy, izay efa tonga ny andron'ny fanasaziana azy, ary efa tapitra ny fotoana fanotàny, [26]izao no lazain'ny Tompo Yaveh aminao: tsoahy ny hamama ary esory ny satro-boninahitra! Tsy hitovy intsony ny zava-drehetra! Asandrato ireo mietry ary ahetreo ireo misandratra! [27]Faharavàna! Faharavàna! Hataoko faharavàna ity! Tsy ho tafaverina amin'ny laoniny izany mandra-pahatongan'ilay iray izay voatendry hanatanteraka fitsaràna.
[28]Koa ianao, ry zanak'olona, maminania ary lazao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh amin'ny vahoakan'i Amona mahakasika ny fahafaham-barakan'izy ireo ho avy: Sabatra, nisy sabatra navoaka! Noranitina ho an'ny famonoana izany mba handrapaka, koa dia ho tahaka ny tselatra izany! [29]Raha mahita fahitam-poana ho anao ireo mpaminany, raha mbola manao fombafomba izay hiafara amin'ny lainga ho anao izy ireo, dia hanambana eo amin'ny tendan'ireo rasty fanahy izay efa ho vonoina, izay efa tonga ny andron'ny fitsaràna azy ary izay efa ho tapitra ny fotoan'ny fahotany io sabatra io.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[30]Avereno ao amin'ny fitoerany ny sabatra. Ao amin'ny toerana nahariana anao, ao amin'ny tany nipoiranao, no hitsaràko anao! [31]Halatsako aminao ny fahatezerako! Ho tsofiko hamely anao ny afon'ny fahasosorako ary hapetrako ho eo an-tanan'ny olon-dozabe ianao, dia lehilahy kinga amin'ny fandringanana!
[32]Ho lasa solika ho an'ny afo ianao! Ho eo afovoan'ny tany ny ranao. Tsy ho tsarovana ianao, fa Izaho, Yaveh no nanambara izany!'"

22 [1]Ary tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Ary ianao, ry zanak'olona, hitsara ve ianao? Hitsara ny tanànan'ny rà ve ianao? Ampahafantaro azy ny fahavetavetany rehetra. [3]Tsy maintsy lazainao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ity dia tanàna izay mandraraka rà eo afovoany mba hahatongavan'ny fotoany; tanàna izay manao sampy mba handotoana ny tenany.
[4]Meloka nohon'ny rà izay efa nalatsakao ianao, ary voaloton'ireo sampy izay nataonao. Fa efa nanafoy ny andronao sy nampanatona ny taonanao farany ianao. Noho izany dia hataoko ho henatra ho an'ireo firenena ianao ary fihomehezana eo imason'ny tany rehetra. [5]Ireo izay akaiky anao sy ireo izay lavitra anao dia samy haneso anao, ianao ry tanàna maloto, sady fantatra na aiza na aiza ny lazanao amin'ny maha feno fifanjevona anao.
[6]Indro! Ireo mpanapak'Israely, samy amin'ny fahefany avy, dia efa tonga teo aminao mba handatsa-drà. [7]Efa nanala baraka ireo ray sy reny tao aminao izy ireo, ary nanatanteraka fampahoriana tamin'ireo vahiny teo afovoanao. Ratsy fitondra ireo kamboty sy ireo mpitondratena tao aminao izy ireo. [8]Efa nanao tsinontsinona ireo zavatro masina ianao ary nanimbazimba ny Sabatako. [9]Ireo lehilahy mpanendrikendrika dia efa tonga teo aminao mba handatsa-drà, ary mihinana eny an-tendrombohitra izy ireo. Manatanteraka faharatsiana eo afovoanao izy ireo.
[10]Efa niharihary tao aminao ny fitanjahan'ny ray. Efa nanararaotra ny vehivavy tsy madio nandritry ny fadim-bolany tao aminao izy ireo. [11]Ireo lehilahy izay manao fahavetavetana miaraka amin'ireo vadin'ny mpiray vodirindrina aminy, ary ireo lehilahy izay mandoto amin-kenatra ireo vinanto vaviny ihany; ireo lehilahy izay manararaotra ireo anabaviny—dia ireo zanakavavin'ny rainy ihany—ireo rehetra ireo dia eo aminao. [12]Ireo lehilahy ireo dia mandray kolikoly eo aminao mba handatsahan-drà. Efa nandray tombony ianao ary nahazo tombony betsaka tokoa, nandrava ireo mpiray monina tamin'ny fampahoriana ianao, ary nanadino Ahy—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[13]Indro! Tamin'ny tanako no namelezako ireo tombony tsy ara-drariny izay azonao, sy ny fandatsahan-drà izay eo afovoanao. [14]Hahazaka ve ny fonao, hahery ve ny tananao amin'ny andro izay hamelezako anao? Izaho, Yaveh, no manambara izany, ary hataoko izany. [15]Koa hanaparitaka anao eo amin'ireo firenana Aho ary hampiely anao manerana ny tany. Amin'izany fomba izany, no hanadiovako ny fahalotoanao aminao. [16]Ka haloto eo imason'ireo firenena ianao. Ary ho fantatrao fa Izaho no Yaveh.'" [1]
[17]Avy eo dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [18]"Ry zanak'olona, amiko ny ankohonan'Israely dia efa lasa tain-drendrika. Izy rehetra ireo dia sisam-barahina sy vy fotsy, ary vy sy firaka eo afovoanao. Ho tahaka ny tain-drendrika volafotsy ao anaty lafaoronao lehibe izy ireo. [19]Noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: 'Satria efa lasa tahaka ny tain-drendrika ianareo rehetra, noho izany, indro! Efa hanangona anareo eo afovoan'i Jerosalema Aho.
[20]Tahaka ny volafotsy sy varahina, vy, firaka ary vy fotsy voahangona eo afovoan'ny lafaoro lehibe izay tsy maintsy hisy afo hitsoka izany, no handrendrehako anao. Koa hanangona anao ao amin'ny fahatezerako sy ny fahavinirako Aho. Hatsofoko ao ianao ary hitsoka ny afo ao amin'izany Aho mba handrendrika izany; koa hanangona anao amin'ny fahatezerako sy amin'ny fahavinirako Aho, ary hametraka anao ao Aho ka handrendrika anao. [21]Koa hanangona anao Aho ary hitsoka anao amin'ny afon'ny fahatezerako ka ho rendrika eo afovoany ianao. [22]Tahaka ny volafotsy rendrika ao afovoan'ny lafaoro lehibe, no haharendrika anao eo afovoany, ka ho fantatrao fa Izaho, Yaveh, no efa nandraraka ny fahatezerako taminao!'"
[23]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [24]"Ry zanak'olona, lazao aminy hoe: 'Ianao dia tany mbola tsy voadio. Tsy misy orana amin'ny andron'ny fahatezerana! [25]Misy fiaraha-mitsikombakomban'ireo mpaminaniny eo afovoany, tahaka ny liona mierona mamiravira ny hazany. Mandevona ny fiainana izy ireo ary maka harena sarobidy; namela mpitondratena maro tao aminy izy ireo! [2]
[26]Manao herisetra amin'ny lalàko ireo mpisorony, ary manimbazimba ireo zavatro masina izy ireo. Tsy manavaka ny zava-masina sy zavatra voazimbazimba izy ireo, ary tsy mampianatra ny fahasamihafana eo amin'ny maloto sy ny madio. Manafina ny masony amin'ny Sabatako izy ireo mba hanimbazimbana Ahy eo afovoany. [27]Ireo andrian-dahiny ao aminy dia tahaka ny amboadia mamiravira ireo hazany. Mandatsa-drà izy ireo ary mandrava fiainana, mba hahazoana tombony tsy ara-drariny. [28]Nandoko azy ireo tamin'ny lalotra fotsy ireo mpaminaniny; mahita fahitana diso izy ireo ary maminany lainga amin'izy ireo. Hoy izy ireo hoe: "Izao no lazain'ny Tompo Yaveh" nefa tsy niteny akory Yaveh.
[29]Ireo mponin'ny tany dia nampahory tamin-kery sy nambabo tamin'ny fandrobana, ary manao ratsy fitondra ny mahantra sy ny fadiranovana izy ireo, sady mampahory ny vahiny tsy amin-drariny.
[30]Koa nitady lehilahy iray tao amin'izy ireo izay hanangana manda sy hitsangana eo anatrehako eo amin'ny elakelak'izany ho an'ny tany Aho mba tsy handravako izany, fa tsy nahita Aho. [31]Koa handraraka ny fahatezerako eo amin'izy ireo Aho. Handringana azy ireo amin'ny afon'ny fahatezerako Aho ary hametraka ny lalany eo amin'ny lohan'izy ireo ihany—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Haloto ianao", ny dikan-teny sasany taloha manao hoe: "Homeko anao ny lovanao".
[2]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Misy fiharaha-mitsikombakomban'ireo mpaminaniny ao aminy", ny dikan-teny sasany taloha manao hoe "Ireo andriandahiny"

23 [1]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"'Ry zanak'olona, nisy vehivavy roa, iray reny. [3]Nanao toy ny mpivaro-tena tany Egypta tamin'ny fotoan'ny fahatanorany izy ireo. Nanao toy ny mpivaro-tena izy ireo tany. Ny tratran'izy ireo dia nofihinina ary ny nonony virijiny dia nosafosafoina tany. [4]Ny anaran'izy ireo dia Ohola—ny zokiny—ary Oholiba—ny zandriny. Dia lasako izy ireo ary niteraka zazalahy sy zazavavy. Izao no dikan'ny anaran'izy ireo: Ohola dia midika hoe Samaria, ary Oholiba dia midika hoe Jerosalema.
[5]Nefa mbola nanao toy ny mpivaro-tena ihany i Ohola na dia Ahy aza izy; nila ireo malalany, ireo Asyriana izay nanjaka, [6]ny governora izay niakanjo volomparasy, ary ireo manamboninahiny, izay matanjaka sy tsara tarehy izy, izy rehetra dia mitaingin-tsoavaly avokoa. [7]Dia nanolotra ny tenany toy ny mpivaro-tena tamin'izy ireo, tamin'ny lehilahin'i Asyria tsara indrindra rehetra izy, ka nandoto tena tamin'ny olon-drehetra izay nilainy—sy tamin'ny sampin'izy ireo rehetra izy.
[8]Fa tsy navelany tany Egypta ny fitondran-tenany toy ny mpivaro-tena, raha niara-nandry taminy izy ireo fony izy mbola tovovavy, raha vao nanomboka nanafosafo ny tratrany virijiny izy ireo, raha vao nanomboka nandraraka ny fijangajangany taminy izy ireo. [9]Koa dia natolotro teo an-tanan'ireo malalany, teo an-tanan'ireo Asyriana izay nilainy izy.
[10]Nampitanjaka azy izy ireo. Nalainy ireo zanany lahy sy ny zanany vavy, ary novonoin'izy ireo tamin'ny sabatra izy, dia tonga henatra ho an'ny vehivavy hafa izy, ka notsarain'izy ireo.
[11]Hitan'i Oholiba rahavaviny izany, saingy nanana filàna tamim-paniriana bebe kokoa aza izy ary nijangajanga kokoa noho ny rahavaviny aza. [12]Nila ireo Asyriana, ireo governora sy ireo manamboninahitra nanjaka izay niakanjo manaitra, izay lehilahy mitaingin-tsoavaly izy. Lehilahy matanjaka sy tsara tarehy avokoa izy rehetra. [13]Hitako fa nandoto ny tenany izy. Nitovizan'izy mirahavavy izany.
[14]Dia nampitombo ny fivarotan-tenany bebe kokoa aza izy. Nahita lehilahy natao sary sikotra tamin'ny rindrina izy, dia sarin'ireo Kaldeana nolokoina mena, [15]manao fehikibo eo am-balahany, sy hamama misy rambony eo an-dohany. Izy rehetra dia niendrika toy ny manamboninahitry ny tokon-kalesy, tahaka ireo zanakalahin'i Babylona, izay teratany Kaldeana.
[16]Vantany vao nahita azy ireo ny masony, dia nila azy ireo, ka dia nandefa iraka tany amin'izy ireo tany Kaldea izy. [17]Dia tonga teo aminy sy teo amin'ny fandrian'ny filàny ireo Babyloniana, ka nandoto azy tamin'ny fijangajangany. Tamin'izay nataony dia voaloto izy, koa dia nihodina niala teo amin'izy ireo tamin'ny rikoriko izy.
[18]Nampiseho ny fivarotan-tenany izy ary naneho ny vatany mitanjaka, ka dia niala taminy ny fanahiko, tahaka ny nialan'ny fanahiko tamin'ny rahavaviny. [19]Dia nivaro-tena bebe kokoa izy, raha nahatadidy sy naka tahaka ireo andron'ny fahatanorany, fony izy nanao toy ny mpivaro-tena tany amin'ny tany Egypta.
[20]Koa dia nila ireo malalany izy, izay tahaka ny an'ireo boriky ny faritra saro-padin'izy ireo, ary izay tahaka ny an'ireo soavaly ny ranon'ainy. [21]Izany no nanalanao baraka ny fahatanoranao, raha nanafosafo ny nononao sy namihina ny tratranao tanora ireo Egyptiana.
[22]Noho izany, ry Oholiba, izao no lazain'ny Tompo Yaveh: 'Indro! Hampivadihako aminao ireo malalanao. Ireo izay nialanao, hataoko manohitra anao amin'ny lafiny rehetra izy ireo: [23]dia ireo Babyloniana sy ireo Kaldeana rehetra, Pekoda, Soa, ary Koa, sy ireo Asyriana rehetra miaraka aminy, matanjaka, lehilahy tsara tarehy, ireo governora sy mpifehy, izy rehetra dia manamboninahitra avokoa sady lehilahy malaza, mitaingin-tsoavaly avokoa izy rehetra.
[24]Hanohitra anao amin'ny fitaovam-piadiana, sy amin'ny kalesy sy kodia, ary amin'ny vahoaka maro be izy ireo. Hametraka ampinga lehibe, ampinga kely, ary aroloha hanohitra anareo any amin'ny manodidina izy ireo. Homeko hirika hamaizana anao izy ireo, ka hanafay anao amin'ireo fanaony. [25]Fa hataoko eo aminareo ny hatezeran'ny hasarotapiaroko, ka hamely anao amin'ny fahavinirana. Hanapaka ny oronao sy ny sofinao izy ireo, ary ho fatin'ny sabatra ny sisa velona aminao. Ho alain'izy ireo ny zanakao lahy sy ny zanakao vavy, ary ho levon'ny afo ny sisa velona aminao.
[26]Hanala ny akanjonao izy ireo ary haka ny firavakao rehetra. [27]Koa hanala ny fitondran-tena mahamenatrao aminao sy ny fivarotan-tenanao ao amin'ny tany Egypta Aho. Tsy hampiandrandra ny masonao am-paniriana any amin'izy ireo ianao, ary tsy hihevitra ny amin'i Egypta intsony.'
[28]Fa izao no lazain'ny Tompo Yaveh: 'Indro! Hatolotro eo an-tanan'ireo izay mankahala anao ianao, miverina eo an-tanan'ireo izay efa nialanao. [29]Hamely anao am-pankahalana tokoa izy ireo; haka ny fananan ao rehetra sy hamela anao hitanjaka sy tsy mikapa izy ireo. Haharihary ny fahamenaran'ny fitanjahan'ny fivarotan-tenanao, dia ireo fitondran-tena mahamenatrao sy ny fijangajanganao.
[30]Ireo zavatra ireo dia hatao aminao amin'ny fanaovanao toy ny mpivaro-tena, filàna tamin'ireo firenena izay nahatonga anao haloto tamin'ireo sampiny. [31]Nandeha tamin'ny lalan'ny rahavavinao ianao, koa hataoko eo an-tananao ny kapoakin'ny famaizana azy.'
[32]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: 'Hisotro ny kapoakan'ny rahavavinao izay lalina sy lehibe ianao. Ho tonga fihomehezana sy foto-pihomehezana ianao—feno hipoka izany kapoaka izany.
[33]Ho vonton'ny hamamoana sy alahelo ianao, dia ny kapoaky ny horohoro sy fandravana; ny kapoakan'i Samaria rahavavinao. [34]Hisotro izany ianao ka handany izany; dia hanorotoro izany ianao ka handritra ny tratranao amin'ireo potiny. Fa efa nanambara izany Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[35]Koa, izao no lazain'ny Tompo Yaveh: 'Satria efa nanadino Ahy sy nanary Ahy tao ivohonao ianao, dia ho toy izany koa no hizakanao ny vokatry ny fitondran-tena mahamenatrao sy ny fijangajanganao.'"
[36]Hoy Yaveh tamiko: "Ry zanak'olona, hitsara an'i Ohola sy Oholiba ve ianao? Koa asehoy azy ireo ary ny fomba maharikorikony, [37]satria efa nijangajanga izy ireo, ary satria misy rà eo an-tanany. Nijangajanga tamin'ireo sampiny izy ireo, ary nandefa ny zanany lahy tao anaty afo aza izy ireo, ho sakafo ho an'ireo sampiny.
[38]Dia nanohy nanao izao tamiko izy ireo: Nandoto ny fitoerako masina izy ireo, ary tamin'izany andro izany ihany no nandotoany ny Sabatako. [39]Fa rehefa namono ireo zanany ho an'ireo sampy izy ireo, dia tonga teo amin'ny fitoerako masina tamin'izany andro izany ihany mba handoto izany! Koa indro! Izany no nataon'izy ireo tamiko teo afovoan'ny tranoko.
[40]Nandefa lehilahy izay avy lavitra ianao, dia izay nandefasana mpitondra hafatra—indro ankehitriny. Tonga tokoa izy ireo, ireo izay nandronao, nandokoanao ny masonao, sy nanaingoanao firavaka ny tenanao. [41]Teo no nipetrahanao tamin'ny fandriana tsara sy teo an-databatra voalamina teo anoloan'izany izay nametrahanao ny ditin-kazo manitro sy ny diloiloko.
[42]Koa nanodidina azy ny feon-tabataban'ny vahoaka; anisan'izany ny karazan-dehilahy rehetra, na dia Sabeana aza dia nentina avy tany an'efitra, ka nasian'izy ireo haba ny tanany ary satroboninahitra tsara tarehy ny lohany.
[43]Dia niteny ny aminy izay tontan'ny fijangajangana aho hoe: 'Ho fijangajangana aminy izy ireo ankehitriny, ary izy amin'izy ireo.' [44]Nankao aminy izy ireo ka niara-nandry taminy toy ny lehilahy miditra mba hiaraka amin'ny mpivaro-tena. Izany no nandrian'izy ireo niaraka tamin'i Ohola sy Oholiba, izay vehivavy ratsy fitondran-tena. [45]Nefa ny olo-marina hitsara sy hanafay azy ireo tahaka ny vehivavy janga, ka hanafay azy ireo amin'ny famaizana ho an'ireo izay nandatsa-drà, satria vehivavy janga izy ireo sady eo an-tanan'izy ireo ny rà.
[46]Koa izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Hanangana vahoaka maro hanohitra azy ireo sy hanolotra azy ireo ho ampihorohoroina sy robaina Aho. [47]Ary izany vahoaka izany dia hitora-bato azy ireo sy hanapaka azy ireo amin'ny sabany. Hamono ireo zanakareo lahy sy ireo zanakareo vavy izy ireo ka handoro ny tranon'izy ireo.
[48]Fa hanala ny fitondran-tena mahamenatr'izy ireo amin'ny tany Aho ary hananatra ny vehivavy rehetra mba tsy hijangajangan'izy ireo intsony. [49]Koa ho apetrany aminareo ny fitondran-tena mahamenatreo. Hizaka ny heloky ny fahotanareo tamin'ireo sampinareo ianareo, ary izany no hahalalanareo fa Izaho no Tompo Yaveh."

24 [1]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh tamin'ny taona fahasivy, tamin'ny volana fahafolo, sy tamin'ny andro fahafolon'ny volana, nanao hoe: [2]"Ry zanak'olona, soraty ho an'ny tenanao ny anaran'ity andro ity, ity andro marina ity, fa tamin'ity andro marina ity no nanaovan'ny mpanjakan'i Babylona fahirano an'i Jerosalema.
[3]Koa mitenena ohabolana manohitra ity taranaka mpikomy ity, fanoharana iray. Lazao amin'izy ireo hoe: "Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Apetraho ilay vilany fandrahoana. Apetraho izany ary raraho rano ao anatin'izany. [4]Manangòna vaingan-tsakafo ao anatin'izany, izay vaingany tsara rehetra—ny feny sy ny sorony—ary fenoy an'ireo taolana tsara indrindra izany. [5]Alaivo izay tsara indrindra amin'ireo ondry ary tohofy ao ambanin'izany ireo taolana. Ento amin'ny lovia boribory izany ary andrahoy ao anatin'izany ireo taolana.
[6]Noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Loza ho an'ny tanànan'ny rà, vilany fandrahoana izay harafesina ny ao anatiny ary tsy ho afaka izany harafesina izany. Alaivo tsikelikely izany, fa aza hanaovana filokana.
[7]Fa ny ràny dia eo afovoany. Napetrany teo ambony vatolampy malama izany; tsy nararany teo amin'ny tany ho rakotry ny vovoka izany, [8]koa nampiakatra hatezerana ho amin'ny valifaty marina izany. Napetrako teo amin'ny vatolampy malama ny ràny mba tsy ho voasarona.
[9]Noho izany, ny Tompo Yaveh dia milaza izao: Loza ho an'ilay tanànan'ny rà. Hanampy ny kitay ihany koa Aho. [10]Hatohofy ny kitay ary areto ny afo. Andrahoy tsara ny sakafo ary afangaroy ireo hanitra ary avelao ho may ireo taolana.
[11]Avy eo ataovy tsy misy na inona na inona eo ambony afo ilay vilany, mba hampafana sy handoro ny varahiny, dia hifangaro ny loto ao anatiny, ho levona ny harafesiny.' [12]Lasa reraka nohon'ny fisasarany izy, fa ny harafesiny dia tsy niala taminy tamin'ny afo.
[13]Ny fitondran-tenanao mahamenatra dia ao amin'ny fahalotoanao, satria nanadio anao Aho, kanefa tsy mbola nadio ianao. Tsy mbola ho afaka amin'ny fahalotoanao ianao mandra-pitsahatry ny hatezerako aminao.
[14]Izaho, Yaveh, dia nanambara izany, ary ho ataoko izany. Tsy hitsahatra Aho na hiantra. Araka ireo lalanareo, sy araka ireo asanareo, dia hitsara anareo ireny! —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."
[15]Avy eo tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [16]"Ry zanak'olona! Indro, esoriko aminao amin'ny areti-mandringana ny fanirian'ny masonao, kanefa aoka ianao tsy hisaona na hitomany, ary aoka tsy hikoriana ny ranomasonao. [17]Aoka hisento mangina ianao. Aza manao fandevenana ho an'ny maty. Fehezo ny hamamanao ary asio kapa ny tongotrao, fa aza saronana voaly ny volombavanao na mihinana ny mofon'ny olona izay misaona nohon'ny fahaverezana ny vadin'izy ireo ianao."
[18]Koa niteny tamin'ny olona aho ny maraina, ary maty ny vadiko ny hariva. Ny maraina aho dia nanao izay nandidiana ahy ho atao.
[19]Nanontany ahy ny vahoaka hoe: "Tsy hilaza aminay ny dikan'ireo zavatra ireo ve ianao, ireo zavatra izay ataonao?"
[20]Koa hoy aho tamin'izy ireo hoe: "Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [21]'Lazao amin'ny taranak'Israely, izao no

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

lazain'i Yaveh: Indro! Ho zimbazimbaiko ny fitoerako masina—ny reharehan'ny herinareo, ny sitraky ny masonareo, sy ny fanirian'ny fanahinareo, ary ho lavo amin'ny sabatra ireo zanaka lahy sy zanaka vavinareo izay navelanareo.
[22]Ary dia hanao mitovy tahaka izay efa nataoko ianareo: tsy hanarona ny volombavanareo ianareo, na hihinana ny mofon'ny olona! [23]Fa kosa ho eo an-dohanareo ny satrokareo, ary ny kapanareo ho eo an-tongotrareo; tsy hisaona ianareo na hitomany, fa ho ketraka amin'ireo helokareo ianareo, ary ny olona tsirairay dia hisento ho an'ny rahalahiny. [24]Koa ho famantarana ho anareo i Ezekiela, ary araka izay rehetra nataony no ho ataonareo rehefa tonga izany. Avy eo dia ho fantatrareo fa Izaho no Tompo Yaveh!'"
[25]"Fa ianao, ry zanak'olona, amin'ny andro izay hahazoako ny tempolin'izy ireo, izay hafalian'izy ireo, reharehan'izy ireo, sy izay hitan'izy ireo sy iriany—ary rehefa alaiko ireo zanany lahy sy vavy— [26]amin'izany andro izany, dia hisy mpitsoa-ponenana ho tonga eo aminao mba hanome anao ireo vaovao! [27]Amin'izany andro izany dia hisokatra amin'izany mpitsoa-ponenana izany ny vavanao ary hiteny ianao—tsy hangina intsony ianao. Ho famantarana ho azy ireo ianao mba ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh."

25 [1]Ary tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe [2]: "Ry zanak'olona, atodiho amin'ny vahoaka Amonita ny tavanao ary maminania manohitra azy ireo.
[3]Lazao amin'ny vahoaka Amonita hoe: 'Henoy ny tenin'ny Tompo Yaveh. Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Satria ianao niteny hoe: "Hià!" teo amin'ny fitoerako masina raha nozimbazimbaina izany, ary nanohitra ny tanin'Israely raha lao izany, ary nanohitra ny ankohonan'i Joda raha lasa sesin-tany izy ireo, [4]noho izany, indro, omeko ho an'ny vahoaka any atsinanana ho fananan'izy ireo ianao. Hanorina toby hanohitra anao izy ireo ary hanorina ny lain'izy ireo eo aminao. Hohanin'izy ireo ny vokatrao ary ho sotroiny ny ronononao. [5]Hataoko fihinanam-bilon'ny rameva i Raba ary ny vahoaka Amonita ho sahan'ny ondry aman'osy. Ary dia ho fantatrao fa Izaho no Yaveh.
[6]Fa ny Tompo Yaveh milaza izao: "Nitehatehan-tanana sy nigado-tongotra ianao, ary niravoravo tamin'ny fanamavoana rehetra teo aminao hanoherana ny tanin'Israely. [7]Noho izany, indro! Hamely anao amin'ny tanako Aho ary hanolotra anao ho babon'ireo firenena. Ho fongorako tsy ho eo amin'ny vahoaka ianao ary haringako tsy ho eo amin'ireo firenena! Ho ravaiko ianao, dia ho fantatrao fa Izaho no Yaveh.'
[8]Ny Tompo Yaveh milaza izao: 'Satria Moaba sy Seira niteny hoe: "Indro! Ny ankohonan'i Joda dia toy ny firenena hafa rehetra." [9]Noho izany, indro! Ho sokafako ny fefin'i Moaba, manomboka eo amin'ireo tanànany eo amin'ny fari-tany—ny hatsaran'i Beti-jesimota, Bala-meona, ary Kiriataima— [10]mankany amin'ny vahoaka avy any atsinanana izay nanohitra ny vahoaka Amonita. Hafoiko ho toy ny fananana izy ireo mba tsy ho tadidy eo amin'ireo firenena ny vahoaka Amonita.
[11]Koa hanao fitsarana manohitra an'i Moaba Aho, ary ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh.'
[12]Ny Tompo Yaveh milaza izao: 'Edoma dia namaly faty nanohitra ny ankohonan'i Joda ary nanao ratsy tamin'ny nanaovana izany. [13]Noho izany, ny Tompo Yaveh milaza hoe: Hamely an'i Edoma amin'ny tanako Aho ary handringana ny olona rehetra sy ny biby ao. Hataoko toerana rava, nafoy, hatrany Temana ka hatrany Dedana ireo. Ho lavon-tsabatra izy ireo.
[14]Hataoko eo amin'i Edoma ny valifatiko amin'ny alalan'ny tanan'Israely vahoakako, ary ho ataon'izy ireo amin'i Edoma araka ny fahatezerako sy ny fahavinirako, ary ho fantatr'izy ireo ny valifatiko—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'
[15]Ny Tompo Yaveh milaza izao: 'Ireo Filistina dia namaly faty tamin'ny lolom-po ary tao anatin'izy ireo dia niezaka nandrava an'i Joda foana. [16]Koa izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Indro! Haninjitra ny tanako eo amin'ireo Filistina Aho, ary ho fongorako ny Keretita ary ho ravaiko izay sisa tavela eny amoron-dranomasina. [17]Fa hanao famaliana lehibe hanohitra azy ireo Aho amin'ny fahaviniran'ny asa fanasaziana, mba ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh, rehefa mamaly faty azy ireo Aho."'

26 [1]Ary tamin'ny taona fahiraika ambin'ny folo, tamin'ny andro voalohan'ny volana, dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Ry zanak'olona, satria Tyro niteny nanohitra an'i Jerosalema hoe: 'Hia! Potika ireo vavahadin'ny olona! Niala tamiko izy; dia ho feno Aho satria rava izy.'
[3]Noho izany ny Tompo Yaveh milaza izao: 'Indro! Manohitra anao Aho, ry Tyro, ary hanangana firenena maro hanohitra anao Aho toy ny ranomasina manainga ireo onjany. [4]Handrava ireo mandan'i Tyro izy ireo ary handrodana ireo tilikambony. Ho fafako hiala ireo vovony ary hanao azy toy ny vatolampy mangadihady Aho.
[5]Ho tonga toerana fanahazana harato eo afovoan'ny ranomasina izy, fa Izaho no nanambara izany—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—ary ho lasa babo ho an'ireo firenena izy. [6]Ireo zanany vavy izay any an-tsaha dia ho vonoina amin'ny sabatra, ary ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh.'
[7]Fa izao no lazain'i Yaveh: Indro, avy any avaratra no hitondrako an'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona, mpanjakan'ny mpanjaka, hanohitra an'i Tyro, miaraka amin'ireo soavaly sy ireo kalesy, ary miaraka amin'ny mpitaingin-tsoavaly sy vahoaka maro be. [8]Hamono ireo zanakao vavy any an-tsaha izy. Hanangana tovon-tany sy hamboatra fiakarana eo amin'ireo mandanao ary hanangana ampinga hanohitra anao izy.
[9]Hapetrany hamely ireo mandanao ireo andry vy fandrodanany, ary ireo fitaovany no handrodana ireo tilikambonao.
[10]Ho maro tokoa ireo soavaliny ka handrakotra anao ny vovony. Ireo mandanao dia hihozongozona amin'ny feon'ny mpitaingin-tsoavaly, kodia, ary kalesy. Rehefa miditra ireo vavahadinao izy, dia hiditra toy ny olona izay tonga ao amin'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tanàna izay efa noravaina ireo mandany. [11]Ireo kitron-tsoavaliny dia hanitsakitsaka ireo lalanao rehetra. Ho vonoiny amin'ny sabatra ireo olonao ary ireo andry vato mafinao dia hianjera amin'ny tany.
[12]Ho baboin'izy ireo ny harenao ary ho robainy ireo entam-barotrao. Harodany ireo mandanao ary ho ravainy ireo lapa soanao. Ireo vatonao, hazonao, ary ny vovoka dia ho arian'izy ireo any amin'ireo rano. [13]Hatsahatro ny feon'ny hiranao. Tsy ho re intsony ny feon-dokanganao. [14]Hataoko vatolampy mangadihady ianao, ho tonga toerana fanahazana harato ianao. Tsy hatsangana intsony ianao, fa Izaho, Tompo Yaveh no efa niteny—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[15]Nilaza izao tamin'i Tyro ny Tompo Yaveh: 'Tsy hihorohoro ve ireo nosy amin'ny feon'ny faharavanao, sy amin'ny fisenton'ireo maratra raha eo afovoanao ny famonoana mahatsiravina? [16]Ary ireo andriandahin'ny ranomasina rehetra dia hiala amin'ireo seza fiandrianany ary hanala ny akanjon'izy ireo ka hamela ireo akanjo misy peta-kofehin'izy ireo. Hanafy ny tenan'izy ireo amin'ny fangovitana izy ireo, hipetraka eo amin'ny tany ary hangovitra isaky ny mihetsika, ary ho tohana nohon'ny aminao izy ireo.
[17]Hanandratra fitomaniana ho anao izy ireo ary hiteny aminao hoe: Amin'ny fomba ahoana, ianao izay nonenan'ireo tantsambo, no naharava anao. Ilay tanàna malaza izay tena natanjaka—lasa any an-dranomasina izany ankehitriny. Ireo izay nitoetra tao aminy fahiny dia manaparitaka horohoro momba azy ireo amin'izay rehetra nipetraka teo akaikin'izy ireo. [18]Ankehitriny ireo moron-tsiraka dia mangovitra amin'ny andro faharavanao. Ireo nosy any an-dranomasina dia mihorohoro, satria maty ianao.'
[19]Fa ny Tompo Yaveh milaza izao: Rehefa hataoko tanàna lao ianao, toy ireo tanàna hafa izay tsy misy mipetraka, rehefa manangana ny lalina hanohitra anao Aho, ka rehefa mandrakotra anao ny rano be, [20]dia ho entiko midina amin'ireo vahoaka taloha ianao, toy ireo hafa izay nidina tany an-davaka; fa hataoko mitoetra any amin'ireo faritra farany ambanin'ny tany ianao tahaka ny rava tamin'ireo fotoana taloha. Noho izany dia tsy hiverina intsony ianao ary tsy hitsangana eo amin'ny tanin'ny velona. [1] [21]Hataoko eo aminao ny loza, ary tsy hisy intsony ianao mandrakizay. Dia ho tadiavina ianao, fa tsy ho hita intsony—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."

---

[1]Fanamarihana: Ny fomba fiteny hoe: "hitsangana eo amin'ny tanin'ny velona" dia avy amin'ny dikan-teny taloha. Ny Hebreo manao hoe: hasiako voninahitra ny tanin'ny velona" izay toa tsy mifanaraka amin'ny foto-kevitra eto.

---

27 [1]Tonga tamiko indray ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Ary ianao, ry zanak'olona, manomboha hira fisaonana mahakasika an'i Tyro,[3]ary lazao amin'i Tyro, izay monina anatin'ireo vavahadin'ny ranomasina, mpandranto ho an'ny vahoaka any amin'ny nosy maro, ny Tompo Yaveh milaza izao aminao: Ry Tyro, efa nilaza ianao hoe: 'Izaho dia tanteraka amin'ny hatsaran-tarehy.'
[4]Ny fari-taninao dia eny amin'ny fon'ny ranomasina; ireo mpanorina anao efa nahatonga lafatra ny hatsaranao.
[5]Nataon'izy ireo tamin'ny kipreso avy tany amin'ny tendrombohitra Hermona ny hazo fisakao rehetra; naka sedera avy tany Libanona izy ireo hanaovana andrin-tsambo ho anao.
[6]Ny fivoinao dia nataon'izy ireo tamin'ny hazo terebintan'i Basana; hazo kipreso avy any Kipra no nanaovan'izy ireo ny tokotanin-tsambonao, sady nopetahany ivoara ireo. [7]Niloko rongony fotsy avy any Egypta izay tahaka ireo fanevanao ny lainao!
[8]Ireo izay nonina tany Sidona sy Arvada no mpivoinao; ireo olon-kendrin'i Tyro no ao anatinao; izy ireo no mpitondra anao.[9]Mpanao asa tanana matihanina indrindra avy any Byblosy no ho mpanentsi-tsambonao; ireo sambo rehetra an-dranomasina sy ireo tantsambony eo aminao dia nitondra ny entam-barotrao ho amin'ny takalo.
[10]Persia, Lydia, ary Libya dia tao amin'ny tafikao, lehilahy mpiadinao. Nanantona ampinga sy aroloha tao aminao izy ireo; nampiseho ny famirapiratanao izy ireo. [11]Ireo lehilahin'i Arvada sy Heleka tao amin'ny tafikao no teo amin'ny rindrinao manodidina anao, ary ny vahoakan'i Gamada no tao amin'ireo tilikambonao. Nanantona ny ampingan'izy ireo teo amin'ny rindrinao nanodidina anao izy ireo! Nameno ny hatsaranao izy ireny.
[12]Tarsisy dia namana mpandranto niaraka taminao nohon'ny habetsaky ny harenao hamidy: volafotsy, vy, fanitso, sy firaka. Nividy sy namarotra ny entanao izy ireo! [13]Javana, Tobala, sy Meseka—nanakalo andevo sy fitaovana vita amin'ny varahina izy ireo. Nihazona ny entam-barotrao izy ireo.
[14]Bet-togarma no namatsy soavaly, soavaly fitaingina, ary ampondra ho entam-barotrao. [15]Ireo lehilahin'i Dedana no mpandrantonao eran'ny morontsiraka maro. Entam-barotra no teo an-tananao; namerina tandroka, ivoara, ary hazomainty izy ireo ho fanatitra!
[16]Syria no mpandranto teo amin'ny vokatrao maro; namatsy emeralda, volomparasy, lamba miloko, lamba madinika, perla, ary vatosoa ho entam-barotrao izy ireo. [17]Joda sy ny tanin'Israely dia nanakalo niaraka taminao. Namatsy vary avy tany Minita izy ireo, mofomamy, tantely, diloilo, ary balsama ho entam-barotrao. [18]Damaskosy dia mpandranto ireo vokatrao rehetra, ireo harenao lehibe rehetra, ary ny divain'i Helbona sy ny volon'ondry fotsin'i Zahara.
[19]Dana sy Javana avy any Ozala namatsy anao entam-barotra vy voatefy, kanelina, ary veromanitra. Izany dia tonga entam-barotra ho anao. [20]Dedana dia mpandrantonao amin'ny lamba fanao lamban-tsoavaly. [21]Arabia sy ireo mpifehin'i Kedara rehetra no mpandranto niaraka taminao; namatsy anao zanak'ondry, ondry lahy sy osy izy ireo.
[22]Ireo mpandranton'i Seba sy Rama dia tonga mba hivarotra aminao ny zavamanitra tsara indrindra rehetra sy karazam-batosoa sarobidy; namarotra volamena ho an'ny entam-barotrao izy ireo. [23]Harana, Kane, ary Edena no mpanakalo niaraka taminao, niaraka tamin'i Seba, Asora, sy Kilmada.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Ireo avy no mpandrantonao nitafy akanjo vita amin'ny lamba volom-parasy marevaka, sy lamba firakotra miloko samihafa, natao petakofehy, ary lamba tsara tenona tao amin'ireo tsenanao. [25]Ireo sambon'i Tarsisy no mpitatitra ny entam-barotrao! Ka dia feno ianao, enta-mavesatra eny amin'ny afovoan'ny ranomasina!
[26]Nentin'ireo mpivoinao tany amin'ireo ranomasina midadasika ianao; ny tsio-drivotra tatsinanana no namotika anao tany afovoan'ireny. [27]Ny harenao, entam-barotra, sy fitaovana atakalo; ireo tantsambo sy ireo mpitondra sambonao, sy ireo mpiasa an-tsambo; ireo mpandranto ny entam-barotrao sy ireo lehilahy mpiadinao rehetra izay ao aminao, sy ny tarikao rehetra—hilentika any amin'ny lalin'ny ranomasina izy ireny amin'ny andron'ny faharavanao.
[28]Hangovitra amin'ny feon-tomanin'ireo mpitondra sambonao ireo tanàna ao an-dranomasina; [29]Ireo rehetra mihazona fivoy dia hidina avy eny amin'ny sambon'izy ireo; hijoro eny an-tany ireo tantsambo sy ireo mpitondra sambo rehetra eny amin'ny ranomasina. [30]Avy eo hampihaino anao ny feony izy ireo ka hidradradradra mafy; hanangom-bovoka eo an-dohany izy ireo. Hihodikodina eo amin'ny lavenona izy ireo.
[31]Hanaratra ny lohany ho sola ho anao izy ireo ka hamehy ny tenany amin'ny lamba fisaonana, ary hitomany mafy eo aminao izy ireo ary hihiaka mafy. [32]Hanandratra ny dradradradram-pitarainany ho anao sy hihira fisaonana eo aminao izy ireo, iza no mitovy amin'i Tyro, izay efa nentina ho amin'ny fahanginana eny afovoan-dranomasina ankehitriny?
[33]Rehefa nandeha teny an-tanety avy tany an-dranomasina ny entam-barotrao, dia nahafapo olona maro izany; nampanakarena ireo mpanjakan'ny tany amin'ny haben'ny harenao sy ny entam-barotrao ianao!
[34]Saingy rehefa notorotoroin'ny ranomasina, sy ny rano lalina ianao, dia nilentika ny entam-barotrao sy ireo tantsambonao rehetra! [35]Rikoriko taminao ireo mponin'ny morontsiraka rehetra, ary tora-kovitry ny horohoro ireo mpanjakany! Nangovitra ny tavan'izy ireo! [36]Misioka anao ireo mpandranton'ny vahoaka; lasa horohoro ianao, ary tsy ho mandrakizay intsony."

28 [1]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"Ry zanak'olona, lazao amin'ny mpanapak'i Tyro hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Miavonavona ny fonao! Hoy ianao hoe: "andriamanitra aho! Hipetraka eo amin'ny sezan'ireo andriamanitra eo afovoan'ny ranomasina aho!" Na dia olona aza ianao fa tsy andriamanitra, dia manao ny fonao ho tahaka ny fon'ny andriamanitra ianao; [3]mihevitra ianao fa hendry noho Daniela, ary tsy misy tsiambaratelo mampitolagaga anao!
[4]Nampanan-karena ny tenanao tamin'ny fahendrena sy fahaiza-manao ianao, ary nahazo volamena sy volafotsy tao amin'ireo fitehirizan-drakitrao! [5]Tamin'ny fahendrena sy tamin'ny varotrao, dia nampitombo ny harenao ianao, ka miavonavona ny fonao noho ireo harenao.
[6]Noho izany, ny Tompo Yaveh milaza izao: "Satria nanao ny fonao ho tahaka ny fon'ny andriamanitra ianao, [7]dia hitondra vahiny hanohitra anao Aho, lehilahy mampihorohoro avy amin'ireo firenena hafa. Hitondra ireo sabany hamely ny hatsaran'ny fahendrenao izy ireo, ary tsy hanamasina ny famirapiratanao.
[8]Handefa anao hidina any amin'ny lavaka izy ireo, ary ho faty amin'ny fahafatesan'ireo izay maty any afovoan'ny ranomasina ianao. [9]Moa ve hiteny marina ianao hoe: "andriamanitra aho" amin'ny tavan'ireo izay mamono anao? Olona ianao fa tsy Andriamanitra, ary ho eo an-tanan'izay mandefona anao ianao. [10]Ho faty tahaka ny fahafatesan'ny tsy voafora amin'ny alalan'ny tanan'ireo vahiny ianao, fa nanambara izany Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'"
[11]Tonga tamiko indray ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [12]"Ry zanak'olona, manandrata hira fisaonana ho an'ny mpanjakan'i Tyro ary lazao aminy hoe: 'Ny Tompo Yaveh miteny izao: ianao no modelin'ny fahatanterahana, feno fahendrena ary lafatra amin'ny hatsaran-tarehy. [13]Tao Edena, ilay sahan' Andriamanitra ianao. Mandrakotra anao ireo vato sarobidy rehetra: robina, topazy, emeralda, krysolita, onyksa, jaspy, safira, karneola, ary ny beryla. Vita amin'ny volamena ireo toeranao sy ireo tendrombohitrao. Tamin'ny andro namoronana anao no efa nanomanana izany.
[14]Nametraka anao teo ambonin'ny tendrombohitra masin'Andriamanitra tahaka ilay Kerobima voahosotro hiambina ny olombelona Aho. Teo afovoan'ireo vato mirehitra izay handehananao ianao. [15]Nanana tsy fivadihana tamin'ireo lalanao ianao nanomboka tamin'ny andro izay namoronana anao ka hatramin'ny nahitana ny tsy rariny tao aminao.
[16]Tamin'ny alalan'ireo varotra lehibe dia lasa feno herisetra ianao, ary noho izany dia nanota ianao. Ka nariako hiala amin'ny tendrombohitr'Andriamanitra ianao, tahaka ny iray izay voaloto, ary noravaiko ianao, ry mpiandry kerobima, ary nentiko avy teo amin'ireo vato mirehitra ianao. [17]Niavonavona ny fonao niaraka tamin'ny hatsaranao; nanimba ny fahendrenao ianao nohon'ny famirapiratanao. Nandefa anao hidina amin'ny tany Aho. Nametraka anao ho eo alohan'ireo mpanjaka Aho mba hahafahan'izy ireo mahita anao.
[18]Noho ireo fahotanao maro be sy ireo raharahanao tsy marina, dia nandoto ireo fitoeranao masina ianao. Ka nampivoaka afo avy aminao Aho; handevona anao izany. Hamadika anao ho lavenona eo imason'ireo rehetra izay mijery anao Aho. [19]Ireo rehetra izay nahafantatra anao teo amin'ny vahoaka dia hangovitra aminao; hihorohoro izy ireo, ary tsy ho mandrakizay intsony ianao.'"
[20]Ary tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [21]"Ry zanak'olona, atodiho any amin'i Sidona ny tavanao ary maminania manohitra azy. [22]Mitenena hoe: "Ny Tompo Yaveh miteny izao: Indro! Manohitra anao Aho, ry Sidona! Fa homem-boninahitra eo afovoanao Aho ka ho fantatry ny vahoakanao fa Izaho no Yaveh rehefa manatanteraka ny fitsarana aminao Aho. Haseho ho masina eo aminao Aho.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Hampivoaka areti-mandringana aminao sy rà eny amin'ireo lalanao Aho, ary ny faty dia hianjera eo afovoanao. Rehefa ho avy hanohitra anao avy any amin'ny manodidina rehetra ny sabatra, dia ho fantatrao fa Izaho no Yaveh. [24]Dia tsy hisy roy mampahory sy tsilo mampanaintaina ho an'ny taranak'Israely intsony avy amin'ireo rehetra izay manodidina azy ka manao tsinontsinona ny vahoakany, ka dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Tompo Yaveh!'
[25]Hoy ny Tompo Yaveh hoe: 'Rehefa manangona ny taranak'Israely avy amin'ny vahoaka tamin'izay nampielezana azy ireo Aho, ary rehefa voatokana eo amin'izy ireo Aho, mba hahafahan'ireo firenena mahita, dia hanao ireo fonenan'izy ireo ao amin'ny tany izay nomeko an'i Jakoba mpanompoko izy ireo. [26]Dia hiaina am-pilaminana ao aminy izy ireo ary hanangana trano, hanao ireo tanim-boaloboka, ary hiaina am-pilaminana rehefa manatanteraka fitsarana amin'ireo rehetra izay avy amin'ny manodidina nanao tsinontsinona azy ireo; ka ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh Andriamanitr'izy ireo!'"

29 [1]Tamin'ny taona fahafolo, tamin'ny volana fahafolo tamin'ny andro faharoa ambin'ny folon'ny volana, dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"'Ry zanak'olona, ampifanatreo amin'i Farao, ilay mpanjakan'i Egypya ny tavanao; maminania manohitra azy sy manohitra an'i Egypta rehetra. [3]Ambarao ary lazao hoe: 'Izao no ambaran'ny Tompo Yaveh: Indro! Manohitra anao Aho, ry Farao, mpanjakan'i Egypta. Ianao, ilay biby masiaka lehibe izay miafina eo afovoan'ny renirano, izay manao hoe: "Ahy ny reniranoko. Nataoko ho an'ny tenako izany."
[4]Hasiako farango ny valanoranonao, ary ny hazandranon'ny Neily dia hamikitra amin'ny kiranao; hampiakariko avy eo afovoan'ny reniranonao miaraka amin'ny hazandranon'ny reniranonao izay mamikitra amin'ny kiranao ianao. [5]Hatsipiko any an'efitra ianao, ianao sy ny hazandrano rehetra avy ao amin'ny reniranonao. Hianjera ao amin'ny saha ianao; tsy ho hangonina ianao na hampiakarina. Homeko ho sakafo ho an'ireo zava-manan'ain'ny tany sy ho an'ireo voron'ny lanitra ianao.
[6]Avy eo ny mponin'i Egypta rehetra hahafantatra fa Izaho no Yaveh, satria efa tahona volotara ho an'ny ankohonan'Israely izy ireo. [7]Rehefa nandray anao teny an-tanany izy ireo, dia tapaka ianao ary nosokafanao ny sorok'izy ireo; ary rehefa niantehitra taminao izy ireo, dia tapaka ianao, ary nampihozohozo ny tongotr'izy ireo ianao.
[8]Noho izany dia izao no ambaran'ny Tompo Yaveh: Indro! Hitondra sabatra hamely anao Aho. Hanapaka ny olona sy ny bibidia eo aminao Aho. [9]Koa ho lao sy rava ny tanin'i Egypta. Avy eo dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh, satria ilay dragona lehibe niteny hoe: "Ahy ny renirano, satria izaho no nanao izany." [10]Noho izany, indro! Manohitra anao sy ny reniranonao Aho, koa hataoko rava sy foana ny tanin'i Egypta, ary ho tany foana avy any Migdola ka hatrany Syena ary hatramin'ny sisin'i Kosy ianao.
[11]Tsy hisy tongotr'olona handeha amin'izany, ary tsy hisy tongotra bibidia handeha amin'izany. Tsy hisy mponina mandritry ny efa-polo taona izany. [12]Fa ho ataoko rava eo afovoan'ireo tany tsy misy mponina ny tanin'i Egypta, ary ireo tanànany eo afovoan'ireo tanàna foana dia ho faharavana mandritry ny efa-polo taona; avy eo Egypta haparitako eo amin'ireo firenena, ary haeliko manerana ireo tany izy ireo.
[13]Fa izao no ambaran'ny Tompo Yaveh: Rehefa afaka efa-polo taona dia hangoniko avy amin'ireo vahoaka eo amin'ireo izay niparitahan'izy ireo ny Egyptiana. [14]Ho averiko ireo haren'i Egypta ary haveriko any amin'ny faritr'i Patrosa, ilay tany niaviany ireo. Avy eo dia ho fanjakana ambany izy ireo any.
[15]Ho ambany indrindra amin'ireo fanjakana izany, ary tsy ho hasandratra eo amin'ireo firenena intsony. Ho akeleziko izy ireo ka tsy hanapaka eo amin'ireo firenena intsony. [16]Tsy ho anton'ny tokin'ireo ankohonan'Israely intsony ireo Egyptiana. Fa kosa, ho fampatsiahivana ny heloka izay nataon'Israely rehefa nitodika tamin'i Egypta mba hila fanampiana izy ireo. Avy eo dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Tompo Yaveh.'"
[17]Tamin'ny taona fahafito amby roapolo tamin'ny andro voalohan'ny volana voalohany, dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [18]"'Ry zanak'olona, Nebokadnezara ilay mpanjakan'i Babylona dia namoaka ny tafiny mba hanao asa mafy manohitra an'i Tyro. Sola avokoa ny loha rehetra, ary niendaka ny soroka rehetra. Nefa izy sy ny tafiny dia tsy nandray karama avy amin'i Tyro tamin'ny asa mafy izay nataony namelezana izany.
[19]Noho izany dia izao no ambaran'ny Tompo Yaveh: 'Indro! Homeko an'i Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona ilay tany, ary ho alainy ny haren'izany, ho baboiny ny fananany, ary ho alainy izay rehetra hitany ao; izany no ho karaman'ireo tafiny. [20]Efa nomeko azy ho karama tamin'ny asa izay nataon'izy ireo ho Ahy ny tanin'i Egypta—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[21]Amin'izany andro izany dia hampitsimoka tandroka ho an'ny ankohonan'Israely Aho, ary hampiteny anao eo afovoan'izy ireo, koa ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh.'"

30 [1]Ary tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"'Ry zanak'olona, maminania ka lazao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Midradradradrà hoe: "Loza ny andro ho avy." [3]Akaiky ny andro. Akaiky ny andro ho an'i Yaveh. Ho andro mandrahona izany, fotoan'ny fiafarana ho an'ireo firenena.
[4]Dia hisy sabatra ho avy hanohitra an'i Egypta, ary hisy fangirifiriana ao Kosy rehefa miampatra any Egypta ny vahoaka maty—rehefa maka ny hareny izy ireo, ary rehefa simba ny fotony. [5]Kosy, Lybia, sy Lydia, ary ireo vahiny rehetra, miaraka amin'ny vahoakan'ny fanekena—ho lavon-tsabatra avokoa izy rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Izao no lazain'i Yaveh: Noho izany ireo izay manohana an'i Egypta dia ho lavo, ary ny avonavon'ny heriny dia hietry. Hatrany Migdola ka hatrany Syena no hahalavo ireo miaramilany amin'ny sabatra—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. [7]Haharikoriko eo afovoan'ny tany nafoy izy ireo, ary ireo tanànany dia ho eo amin'ireo tanàna rava rehetra.
[8]Dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh, raha handoro an'i Egypta Aho, ary rehefa ringana ireo mpanampy azy rehetra.
[9]Amin'izany andro izany dia hisy iraka hivoaka avy eo anoloako amin'ny sambo mba hampihorohoro ny fiarovan'i Kosy, ary hisy fangirifiriana eo amin'izy ireo amin'ny andro fiafarana ratsin'i Egypta. Fa indro! Avy izany.
[10]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Hanisy fiafarana ny fahamaroan'i Egypta amin'ny tanan'i Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona Aho. [11]Izy sy ny tafiny miaraka aminy, ny fampihorohoroana amin'ireo firenena, no ho entina handrava ny tany; hanatsoaka ny sabany hanohitra an'i Egypta ary hameno ny tany amin'ny fatin'olona izy ireo.
[12]Hamadika ny renirano ho tany maina Aho, ary hivarotra ny tany eo an-tanan'ny olona ratsy fanahy. Amin'ny alalan'ny tanan'ny fahavalo no hanaovako ny tany sy ny fahafenoany ho rava—Izaho, Yaveh, no efa niteny.
[13]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Hamotika ireo sampy Aho, ary hitondra fiafarana amin'ireo sampy tsy mendrik'i Memfisa. Tsy hisy andriandahy intsony ao amin'ny tany Egypta, ary hametraka fampihorohoroana eo amin'ny tany Egypta Aho. [14]Dia hataoko lao i Patrosa ary ho dorako i Zoana, ary hampihatra fitsaràna amin'i No Aho.
[15]Fa handraraka ny fahatezerako amin'i Sina, ilay fiarovana mafy any Egypta, ary hanapaka ny maro any No Aho. [16]Dia handoro an'i Egypta Aho; ho ory mafy i Sina, ho rava i No, ary hiatrika fahavalo isan'andro i Memfisy.
[17]Ny tovolahy any Avena sy Pisbeseta dia ho lavon-tsabatra, ary ireo tanànany dia ho lasan-ko babo. [18]Any Tapanesa, dia hihazona ny hazavany ny andro rehefa mamotika ny ziogan'i Egypta ao Aho, ary ho tapitra ny avonavon'ny heriny. Hisy rahona handrakotra azy, ary ireo zanany vavy dia ho lasan-ko babo. [19]Hampihatra fitsaràna ao Egypta Aho, dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh.'"
[20]Ary tamin'ny taona fahiraika ambin'ny folo, tamin'ny volana voalohany, tamin'ny andro fahafiton'ny volana, dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [21]"Ry zanak'olona, efa nanapaka ny sandrin'i Farao, mpanjakan'i Egypta Aho. Indro! Tsy nofonosana izany, na nositranina tamin'ny famatorana, mba hampatanjaka tsara izany mba hitan-tsabatra.
[22]Koa izao no lazain'ny Tompo Yaveh: 'Indro, hanohitra an'i Farao, mpanjakan'i Egypta Aho. Fa hanapaka ny sandriny Aho, ilay matanjaka sy ilay tapaka, ary hampilatsaka ny sabatra eny an-tanany. [23]Haeliko eo amin'ireo firenena i Egypta ary haparitako eo amin'ny tany izy ireo. [24]Hatanjahiko ireo sandrin'ny mpanjakan'i Babylona ary hametraka ny sabatro eo amin'ny tanany Aho mba hahafahako manapaka ireo sandrin'i Farao. Hisento eo anoloan'ny mpanjakan'i Babylona amin'ny fisenton'ny olona ho faty izy.
[25]Fa hampatanjaka ny sandrin'ny mpanjakan'i Babylona Aho, raha mbola hiraviravy ny tanan'i Farao. Dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh, rehefa mametraka ny sabatro eo amin'ny tanan'ny mpanjakan'i Babylona Aho; fa hanafika ny tanin'i Egypta amin'izany izy. [26]Koa haeliko eo amin'ireo firenena i Egypta ary haparitako manerana ny tany izy ireo. Dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh.'"

31 [1]Ary tamin'ny taona fahiraika ambin'ny folo, tamin'ny volana fahatelo, tamin'ny andro voalohan'ny volana, dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Ry zanak'olona, lazao amin'i Farao, ilay mpanjakan'i Egypta, ary amin'ny vahoakany rehetra manodidina azy hoe: 'Ao amin'ny fahalebiazanao, tahaka an'iza ianao?
[3]Indro! Asyria dia sedera nisy sampany tsara tarehy tao Libanona, nanome alokaloka ho an'ny ala, ary avo indrindra tamin'ny halavany, ary ny sampany nananika ny rahona. [4]Rano maro no nahalava izany; ny rano lalina no nahagoavana izany. Nikoriana nanodidina ny faritra rehetra nisy azy ny renirano, satria ny lakan-dranony dia nivelatra tamin'ny hazo rehetra tao an-tsaha.
[5]Ny hahavony dia nihoatra noho ny hazo hafa rehetra tany an-tsaha, ary ny sampany dia nanjary maro tokoa; niha-lava ny sampany noho ireo rano maro raha naniry iny izy ireo. [6]Nanao ny akaniny teo amin'ny sampany ny voron'ny lanitra rehetra, raha niteraka ny zanany teo ambanin'ny raviny ny zava-manan'aina rehetra tao an-tsaha. Nitoetra tao ambanin'ny alokany ny firenena maro rehetra. [7]Fa tsara tarehy izany tao amin'ny fahalebiazany sy ny halavan'ny sampany, satria tao amin'ny rano maro ny fakany.
[8]Tsy afa-nitaha tamin'izany ireo sedera tao amin'ny sahan'Andriamanitra. Tsy nisy tamin'ireo kypreso no sahala tamin'ny sampany, ary ny hazo platana tsy nitaha tamin'ny rantsany. Tsy nisy hazo hafa tao amin'ny sahan'Andriamanitra izay nitovy tamin'izany tamin'ny fahatsarany. [9]Nataoko tsara tarehy tamin'ny sampany maro izany ary ny hazon'i Edena rehetra izay tao amin'ny sahan'Andriamanitra dia nialona izany.
[10]Noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Satria lava tamin'ny haavony izy, ary teo anelanelan'ny sampany no napetrany ny tendrony, nanandratra ny fony izany nohon'ny haavony. [11]Nomeko teo an-tanan'ilay iray maherin'ireo firenena izy, mba hifampiraharaha amin'izany araka izay mendrika ny faharatsiany. Efa nariako tany ivelany izany.
[12]Ireo vahiny izay horohoron'ny firenena rehetra no nanapaka azy ka namela azy ho faty. Nianjera teo an-tendrombohitra sy ireo lohasaha rehetra ny sampany, ary ireo rantsany dia mitoetra potipotika ao amin'ny riaky ny tany rehetra. Dia nivoaka avy tao ambanin'ny alokany ny firenena rehetra teto an-tany ary niala lavitra izany.
[13]Ny voron'ny lanitra rehetra dia nijanona teo amin'ny vatan'ilay hazo nianjera, ary ny biby rehetra tao an-tsaha dia nankeo amin'ny sampany. [14]Nitranga izany mba tsy hisy hazo hafa haniry eo akaikin'ny rano ka hanangana ny raviny hatreny amin'ny haavon'ny hazo avo indrindra, ary mba tsy hisy hazo hafa haniry eo akaikin'ny rano ka hahatratra izany

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

haavo izany. Efa voatendry ho amin'ny fahafatesana avokoa izy rehetra, ho any ambany tany, eo amin'ireo zanak'olombelona, miaraka amin'ireo izay midina any an-davaka.
[15]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Tamin'ny andro izay nidinan'ilay sedera tany amin'ny fiainan-tsy hita dia nitondra fisaonana teto an-tany Aho. Nasaroko teo ambonin'izany ny rano lalina, ary nahemotro ny ranon'ny ranomasim-be. Nosakanako ny rano be, ary nitondra fisaonana teo amin'i Libanona ho azy Aho. Koa dia nisaona ny hazon'ny saha rehetra noho izany.
[16]Nitondra hovitrovitra teo amin'ireo firenena tamin'ny feon'ny fianjerany Aho, rehefa natsipiko tany amin'ny fiainan-tsy hita niaraka tamin'ireo izay nidina tany an-davaka izy. Koa dia nampionona ny hazon'i Edena rehetra tany amin'ny fanambanin'ny tany Aho. Ireny no hazo voafantina sy tsara indrindra an'i Libanona; dia ireo hazo izay nisotro ny rano.
[17]Fa nidina tany amin'ny fiainan-tsy hita niaraka tamin'izany ihany koa ireo, ho any amin'ireo izay matin'ny sabatra. Ireny no sandriny mahery, ireo firenena izay nitoetra teo amin'ny alokalony. [18]Iza tamin'ireo hazo tao Edena no sahala aminao amin'ny voninahitra sy fahalebiazana? Fa hazera miaraka amin'ireo hazon'i Edena ho any amin'ny fanambanin'ny tany eo amin'ireo tsy voafora ianao; hiaina tahaka ireo izay matin'ny sabatra ianao.' Farao sy ny vahoakany rehetra izany—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."

32 [1]Tamin'ny volana faharoa ambin'ny folon'ny taona faharoa ambin'ny folo, tamin'ny voalohan'ny volana, dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"'Ry zanak'olona, manandràta fisaonana mahakasika an'i Farao ilay mpanjakan'i Egypta; lazao azy hoe: 'Tahaka ny liona tanora eo amin'ireo firenena ianao, saingy tahaka ny biby masiaka ao an-dranomasina; mijoboka ao anaty rano ianao, ary manakobakobana ny rano amin'ny tongotra ka mandoto ny ranon'izy ireo.
[3]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Koa dia handatsaka ny haratoko ao aminao eo amin'ireo fivondronan'ny vahoaka maro Aho, ary hampiakatra anao amin'ny haratoko izy ireo. [4]Hamela anao ao amin'ilay tany Aho. Hatsipiko any an-tsaha ianao ary hangoniko eo aminao ireo voron'ny lanitra rehetra; ho voky miatiaty aminao ny hanoanan'ireo biby velona amin'ny tany rehetra.
[5]Fa hametraka ny nofonao eo an-tendrombohitra Aho, ary ho fenoiko ny fahalovan'ny fatinao ireo lohasaha. [6]Ary handraraka ny rànao manerana ny tendrombohitra Aho, ary ho feno ny rànao ny fandrian-drano.
[7]Ary rehefa hamono anao Aho, dia handrakotra ny lanitra sy hanamaizina ny kintan'izy ireo; ho rakofako rahona ny masoandro, ary tsy hamirapiratra amin'ny hazavany ny volana. [8]Hanamaizina ny famirapiratana rehetran'ny lanitra eo aminareo Aho, ary handrakotra aizina eo amin'ny taninareo—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[9]Koa hampihorohoro ny fon'ny vahoaka maro ao amin'ny tany izay tsy fantatrao Aho, rehefa mby hitondra fahalavoana ho anao eo amin'ireo firenana, eo amin'ireo tany izay tsy mbola fantatrao Aho. [1] [10]Hanafintohina vahoaka maro mahakasika anao Aho; hangovitry ny horohoro mahakasika anao ireo mpanjakan'izy ireo rehefa mampandihy ny sabatro eo anoloan'izy ireo Aho. Hangovitra noho ianao amin'ny fotoana rehetra ny tsirairay, amin'ny andron'ny faharavanao.
[11]Fa izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ho avy hanohitra anao ny sabatry ny mpanjakan'i Babylona. [12]Hataoko ringan'ny sabatr'ireo mpiady ireo vahoaka maronao—mpiady samy horohoron'ireo firenena. Ireo mpiady ireo dia handrava ny avonavon'i Egypta sy hamotika ireo vahoakany maro.
[13]Fa hamotika ny biby fiompy rehetra avy eo akaikin'ireo rano be dia be Aho; tsy hanakobakobana ny rano intsony ny tongotry ny olona, na hitsabaka ireo ny kitron'ny biby fiompy. [14]Avy eo dia hampitony ireo ranony sy hampikoriana ireo oniny tahaka ny menaka Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[15]Rehefa manao ny tany Egypta ho tanàna haolo Aho, rehefa sakanana amin'ny fahafenoany rehetra ny tany, rehefa manafika ny mponina rehetra ao aminy Aho, dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh. [16]Hisy fisaonana; hisaona manerana azy ireo zanaka vavin'ny firenena; hisaona manerana an'i Egypta izy ireo, eo amin'ireo vahoakany maro rehetra no hisaonan'izy ireo—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'"
[17]Tamin'ny taona faharoa ambin'ny folo, tamin'ny andro fahadimy ambin'ny folon'ny volana, dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [18]"'Ry zanak'olona, mitomania ho an'ireo vahoka maron'i Egypta ary ampidino izy ireo—izy sy ireo zanaka vavin'ireo firenena lehibe—ho any amin'ny tany iva indrindra miaraka amin'ireo izay nidina ao an-davaka.
[19]'Tena tsara noho ny olon-kafa tokoa ve ianao? Midìna ka miampara miaraka amin'ireo tsy voafora.' [20]Ho lavo eo amin'ireo izay matin'ny sabatra izy ireo. Efa vita soritra ny sabatra! Efa nomena ny sabatra izy; hisambotra azy sy ireo vahoakany maro izy ireo. [21]Hanambara momban'i Egypta sy ireo mpiara-dia aminy ireo mpiady mahery indrindra hoe: 'Efa nidina teto izy ireo! Hiampatra miaraka amin'ireo tsy voafora, miaraka amin'ireo izay matin'ny sabatra izy ireo.'
[22]Asyria sy ireo fiangonany rehetra dia ao. Manodidina azy ny fasany; izy rehetra dia maty tamin-tsabatra. [23]Ireo izay manana fasana miorina eo amin'ny fakan-drivotry ny lavaka dia ao, miaraka amin'ireo fiangonany rehetra. Ireo fasany dia manodidina an'ireo izay maty, izay lavon'ny sabatra, ireo izay nitondra horohoro teo amin'ny tanin'ny velona.
[24]Ao Elama miaraka amin'ireo vahokany maro rehetra. Manodidina azy ny fasany; maty avokoa izy rehetra. Ireo izay lavon'ny sabatra, izay tafidina tsy voafora any amin'ny fanambanin'ny tany, izay nitondra ny horohoron'izy ireo teo amin'ny tanin'ny velona sy mitondra ny fahafaham-barakany manokana, miaraka amin'ireo midina ao an-davaka.
[25]Nametraka kitapo fandriana ho an'i Elama sy ireo vahoakany maro rehetra eo afovoan'ny faty izy ireo; manodidina azy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ny fasany. Izy rehetra dia tsy voafora, voalefon'ny sabatra, satria nitondra ny horohoron'izy ireo teo amin'ilay tanin'ny velona izy ireo. Koa dia mitondra ny fahafaham-barakany izy ireo, miaraka amin'ireo midina ao an-davaka eo amin'ireo izay efa maty, ireo izay midina ao an-davaka. Elama dia isan'ireo rehetra izay maty.
[26]Meseka, Tobala, sy ireo vahoakany maro rehetra dia tao! Manodidina azy ireo ny fasany. Izy rehetra dia samy tsy voafora avokoa, matin'ny sabatra, satria nitondra ny fampihorohorony teo amin'ny tanin'ny velona izy ireo. [27]Tsy miara-miampatra eo amin'ireo mpiady tsy voafora lavo izay nidina tany amin'ny Fiainan-tsy hita miaraka amin'ireo fitaovam-piadiany, ary miaraka amin'ireo sabany apetraka ao ambanin'ny lohan'izy ireo sy ireo helony eo amin'ny taolan'izy ireo. Fa izy ireo no mpampihorohoro ny mpiady tao amin'ny tanin'ny velona.
[28]Koa noho izany ianao, ry Egypta, dia ho potika eo anivon'ny ireo tsy voafora! Hiampatra manaraka ireo izay voalefon'ny sabatra ianao. [29]Ao i Edoma sy ireo mpanjakany ary ireo mpitariny. Efa voapetraka ao amin'ny tanjany miaraka amin'ireo matin'ny sabatra izy ireo. Miara-miampatra amin'ireo tsy voafora izy ireo, miaraka amin'ireo izay nidina tany an-davaka.
[30]Ireo andriandahin'ny avaratra dia ao—izy rehetra miaraka amin'ireo Sidoniana rehetra izay nidina niaraka tamin'ireo izay efa voalefona. Nahery sy nampitahotra ny hafa izy ireo, fa ao anaty henatra izy ireo ankehitriny, tsy voafora miaraka amin'ireo izay voalefon'ny sabatra. Mitondra ny fahafaham-barakany izy ireo, miaraka amin'ireo izay nidina tany an-davaka.
[31]Hijery Farao ary ho ampaherezina ny amin'ireo vahoakany maro rehetra izay voalefon'ny sabatra—Farao sy ireo tafiny rehetra—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. [32]Napetrako ho mpampatahotro eo amin'ny tanin'ny velona izy, kanefa hiampatra eo anivon'ireo tsy voafora izy, eo amin'ireo voalefon'ny sabatra, i Farao sy ireo vahoakany maro rehetra—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."

---

[a]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Rehefa mby hitondra fahalavoana ho anao eo amin'ireo firenena Aho", ny dikan-teny taloha sy fandikana vaovao sasany manao hoe: "Rehefa mambabo anao eo amin'ireo firenena Aho".

---

33 [1]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Ry zanak'olona, ambarao amin'ny vahoakanao izao; lazao amin'izy ireo hoe: 'Rehefa mitondra sabatra hanohitra ny tany rehetra Aho, dia haka olona iray amin'izy ireo ny mponin'izany tany izany ka hanao azy ho mpitily ho azy ireo. [3]Mijery ny sabatra efa tamy eo amin'ny tany izy, ary mitsoka ny anjomarany mba hampitandrina ny vahoaka! [4]Raha mandre ny feon'anjomara ny olona nefa tsy mitandrina, ary raha tonga ka mamono azy ireo ny sabatra, dia ho eo an-dohan'ny tsirairay ihany ny ràny.
[5]Raha misy olona mandre ny feon'anjomara ka tsy mitandrina, dia ho eo aminy ny ràny; fa raha mitandrina izy, dia hahavonjy ny ainy. [6]Na izany aza, raha hitan'ny mpitily fa tamy ny sabatra, nefa raha tsy mitsoka ny anjomara izy, ary ny vokany dia tsy nampitandremana ny olona, ary raha tonga ny sabatra ka manala ain'olona, dia matin'ny fahotany ihany izany olona izany, fa hadiniko amin'ilay mpitily ny ràny.'
[7]Ary ianao, ry zanak'olona! Efa nataoko mpitily ho an'ny ankohonan'Israely ianao; handre ireo teny avy amin'ny vavako ianao ka hampitandrina azy ireo amin'ny anarako. [8]Raha miteny amin'ny ratsy fanahy Aho hoe: 'Ry ratsy fanahy, ho faty tokoa ianao!' nefa raha tsy manambara izany na mampitandrina ny ratsy fanahy ny amin'ny fanaony ianao, dia ho fatin'ny fahotany izy izay ratsy fanahy, nefa ho takiako amin'ny tananao ny ràny! [9]Nefa ianao, raha mampitandrina ny ratsy fanahy ny amin'ny fanaony, mba hialany amin'izany, ary raha tsy miala amin'ny fanaony izy, dia ho fatin'ny fahotany izy, fa ianao hahavonjy ny ainao.
[10]Ary ianao, ry zanak'olona, lazao amin'ny ankohonan'Israely hoe: 'Izao no lazainareo: "Ny helokay sy ny fahotanay dia eo aminay, ary simban'ireo izahay! Ahoana no hahavelona anay?"' [11]Lazao amin'izy ireo hoe: 'Raha velona koa Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—dia tsy mankasitraka ny fahafatesan'ny ratsy fanahy Aho, fa raha mibebaka amin'ny fanaony ny ratsy fanahy, dia ho velona izy! Mibebaha! Mibebaha amin'ny fomba ratsinareo! Fa nahoana no tokony ho faty ianareo, ry ankohonan'Israely?'
[12]Koa ankehitriny ianao, ry zanak'olona, lazao amin'ny vahoakanao hoe: 'Ny fahamarinan'ny olo-marina dia tsy hanavotra azy raha manota izy! Ny faharatsian'ny ratsy fanahy tsy hamono azy raha mibebaka amin'ny fahotany izy! Fa tsy afa-hiaina nohon'ny fahamarinany ny olo-marina raha manota izy. [13]Raha miteny amin'ny marina Aho hoe: "'Ho velona tokoa izy!" ary raha mitoky amin'ny fahamarinany izy ka dia manao ny tsy rariny, dia tsy hahatsiaro izay fahamarinany Aho. Ho fatin'ny faharatsiana nataony izy.
[14]Koa raha miteny amin'ny ratsy fanahy Aho hoe: "Ho faty tokoa ianao", nefa raha mibebaka hiala amin'ireo fahotany sy manao izay marina sy mahitsy izy— [15]raha mamerina ny antoky ny findramam-bola izay nangatahiny tamim-paharatsiana izy, na raha mamerina izay nangalariny izy, ary raha mandeha amin'ireo lalàna izay mitondra fiainana ka tsy manota intsony—dia ho velona tokoa izy. Tsy ho faty izy. [16]Tsy misy ho tsaroana ireo fahotana izay nataony. Efa nanao ny marina sy mahitsy izy, ka noho izany, dia ho velona tokoa izy!
[17]Nefa hoy ny vahoakanao: "Tsy rariny ny fitondran'ny Tompo!" kanefa ny fombanareo no tsy rariny! [18]Raha miala amin'ny fahamarinany ka manota ny olo-marina, dia ho fatin'izany izy! [19]Raha miala amin'ny faharatsiany ny ratsy fanahy ka manao izay mahitsy sy marina, dia ho velona noho ireo zavatra ireo izy! [20]Nefa ianareo vahoaka manao hoe: "Tsy rariny ny fitondran'ny Tompo!" Hitsara ny tsirairay aminareo araka ny lalany avy Aho, ry taranak'Israely!'"
[21]Ary tamin'ny taona faharoa ambin'ny folo, tamin'ny andro fahadimin'ny volana fahafolon'ny fahababoantsika, no nisy mpitsoa-ponenana tonga teo amiko avy tany Jerosalema ka nanao hoe: "Babo ilay tanàna!" [22]Teo amiko ny hariva

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

nialohan'ny nahatongavan'ilay mpitsoa-ponenana ny tanan'i Yaveh, ary ny vavako dia nisokatra tamin'ny fotoana izay nahatongavany teo amiko tamin'ny mangiran-dratsy. Koa dia nisokatra ny vavako; tsy moana intsony aho!
[23]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [24]"'Ry zanak'olona, ireo monina amin'ireo rava ao amin'ny tanin'Israely dia miresaka ka manao hoe: 'Olona iray ihany Abrahama, ary nandova ilay tany izy, nefa maro isika! Nomena antsika mba ho fananana ilay tany.'
[25]Noho izany lazao amin'izy ireo hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Mihinan-drà ianareo, ary manandratra ny masonareo any amin'ireo sampinareo, avy eo dia nandraraka ràn'olona ianareo. Tokony hanana ny tany tokoa ve ianareo? [26]Efa niankina tamin'ireo sabatrareo ianareo ary efa nanao zavatra maharikoriko; ny lehilahy tsirairay dia mandoto ny vadin'ny mpiara-monina aminy. Tokony hahazo ny tany tokoa ve ianareo?'
[27]Izao no ho lazainao amin'izy ireo: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Raha velona koa Aho, dia ho lavon-tsabatra marina tokoa ireo olona ao amin'ireo rava, ary ireo izay any an-tsaha dia homeko ho an'ireo zava-manan'aina ho sakafo, ary ireo izay ao amin'ny fiarovana mafy sy any an-dava-bato dia ho fatin'ny areti-mandringana. [28]Dia havadiko ho lao sy horohoro ny tany, ary hifarana ny avonavon'ny herin'izany, fa ho ngazana ireo tendrombohitr'Israely, ka tsy hisy na iza na iza handalo eo amin'ireo.' [29]Dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh, rehefa manao ny tany ho lao sy horohoro nohon'ny fahavetavetana rehetra nataon'izy ireo Aho.
[30]Koa ankehitriny ianao, ry zanak'olona—ny vahoakanao dia milaza zavatra momba anao eo akaikin'ireo manda sy ireo vavahadin'ny trano, ary ny tsirairay mifampilaza—ny tsirairay amin'ny rahalahiny hoe: 'Ndeha isika handeha ary hihaino ny tenin'ny mpaminany izay avy amin'i Yaveh!' [31]Koa ho tonga eo aminao ny vahoakako, tahaka izay fanaony matetika, ka hipetraka eo anatrehanao ary hihaino ireo teninao, nefa tsy hankatoa ireny izy ireo. Ireo teny marina no eo am-bavan'izy ireo, nefa ny fony dia manaraka tombony tsy ara-drariny.
[32]Fa tahaka ny hira tsara ho azy ireo ianao, feo mahafinaritra izay notendrena tsara tamin'ny lokanga, koa dia hihaino ireo teninao izy ireo, nefa tsy hisy amin'izy ireo hankatoa izany. [33]Koa rehefa mitranga izany rehetra izany—indro! hitranga izany! —dia ho fantatr'izy ireo fa nisy mpaminany teo aminy."

34 [1]Avy dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"'Ry zanak'olona, maminania manohitra ireo mpiandry ondrin'Israely. Maminania ary lazao izy ireo hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh amin'ireo mpiandry ondry: Loza ho an'ireo mpiandry ondrin'Israely izay miandry ny tenan'izy ireo ihany. Moa ve tsy tokony hiandry ny ondry aman'osy ny mpiandry ondry? [3]Mihinana ny ampahan'ny matavy ianao ary mitafy volon'ondry. Mamono ny matavin'ny ondry ianao. Tsy miandry ondry akory ianao.
[4]Tsy nanamafy ireo izay manana aretina ianao, na nanasitrana an'ireo izay marary. Tsy manambatra ireo izay tapaka ianao, ary tsy mamerina izay voaroaka na mitady ny very. Fa kosa, manapaka eo amin'ireo amin'ny alalan'ny hery sy herisetra ianao. [5]Avy eo dia niparitaka tsy nisy mpiandry izy ireo, ary lasa sakafo ho an'ny bibidia eny an-tsaha, taorian'ny nanaparitahana azy ireo. [6]Nirenireny teny amin'ny tendrombohitra rehetra sy ny havoana rehetra ny ondriko, ary voaely nanerana ny tany izany. Nefa tsy mbola misy olona mitady ireo.
[7]Noho izany, ry mpiandry ondry, henoy ny tenin'i Yaveh: [8]Raha mbola velona koa Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—satria lasa babo sy sakafo ho an'ny bibidia rehetra eny an-tsaha ny ondriko, satria tsy nisy mpiandry ondry ary tsy nisy tamin'ireo mpiandry ondriko nitady ny ondriko, fa niambina ny tenany ihany ireo mpiandry ondry fa tsy niandry ny ondriko.
[9]Noho izany, ry mpiandry ondry, henoy ny tenin'i Yaveh: [10]Tompo Yaveh milaza izao: Indro! manohitra ireo mpiandry ondry Aho, ary hitaky ny ondriko eo an-tanan'izy ireo Aho. Avy eo dia ho roahiko amin'ny fiandrasana ny ondry izy ireo; na ny mpiandry ondry aza tsy hiandry ny tenan'izy ireo intsony satria hanala ireo ondriko tsy ho eo amin'ny vavan'izy ireo Aho, mba tsy ho sakafon'izy ireo intsony ny ondriko.
[11]Fa ny Tompo Yaveh milaza izao: Indro! Hitady ny ondriko Aho ary hikarakara ireo, [12]tahaka ny mpiandry ondry mitady ny ondriny amin'ny andro rehefa eo afovoan'ny ondriny miparitaka izy. Noho izany dia hitady ny ondriko Aho, ary hamonjy azy ireo amin'ny toerana rehetra izay nanaparitahana azy ireo amin'ny andron'ny rahona sy ny fahamaizinana.
[13]Avy eo ho entiko mivoaka avy eo amin'ireo vahoaka izy ireo; hangoniko any amin'ny tany ireo ary ho entiko any amin'ny tanin'izy ireo. Hametraka azy ireo eny amin'ny tanin' ahitrin'ireo moron-tendrombohitr'Israely, amin'ny renirano, ary any amin'ny fonenana rehetra ao amin'ny tany Aho.
[14]Hametraka ireo any amin'ny ahitra tsara Aho; ny tendrombohitra avon'Israely no ho fitoeram-bilony. Handry eo amin'ireo toerana tsara firaofam-bilona ireo, any amin'ny tany feno ahitra, ary hiraoka eny amin'ny tendrombohitr'Israely izy ireo. [15]Izaho mihitsy no hiandry ny ondriko, ary izaho mihitsy no hampandry azy ireo—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh— [16]Hitady ny very Aho ary hamerina izay noroahina. Hamehy ireo ondry tapaka Aho ary hanasitrana ny ondry marary fa ny matavy sy ny mafy dia ho ringaniko. Hiandry ondry ara-drariny Aho
[17]Koa ankehitriny ianao, ry ondriko— izao no lazain'ny Tompo Yaveh—indro, ho mpitsara eo amin'ny ondry sy ondry Aho ary eo amin'ireo ondry lahy sy osy lahy. [18]Moa ve tsy ampy hohanina ny ahitra tsara, no tsy maintsy hitsakitsahinao amin'ny tongotrao ny sisa tavela amin'ilay ahitra; ary ho sotroina ny rano madio, no tsy maintsy lotoinao ho fotaka amin'ny tongotrao ny renirano? [19]Moa ve ny ondriko tsy maintsy mihinana izay nitsakitsahinao tamin'ny tongotrao, ary misotro izay nolotoinao ho fotaka tamin'ny tongotrao?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Noho izany ny Tompo Yaveh dia milaza izao amin'izy ireo: Indro Izaho mihitsy no hitsara eo amin'ireo ondry matavy sy ireo mahia, [21]satria ianareo efa nanositosika azy ireo tamin'ny tehezanareo sy sorokareo, ary efa notrongisinareo tamin'ny tandrokareo ireo malemy nandra-panaparitakareo azy ireo nivoaky ny tany.
[22]Hamonjy ny ondriko Aho ary tsy ho babo intsony ireo, ary hitsara eo amin'ny ondry iray sy iray hafa Aho! [23]Hametraka mpiandry ondry iray eo amin'izy ireo Aho, dia Davida mpanompoko. Hiandry azy ireo izy, hanome hanina azy ireo, ary ho mpiandrin'izy ireo. [24]Fa Izaho, Yaveh, ho Andriamanitr'izy ireo, ary Davida mpanompoko dia ho andriana eo amin'izy ireo— Izaho, Yaveh, no efa nanambara izany.
[25]Dia hanao fanekem-pihavanana amin'izy ireo Aho ary hanala ireo bibidia masiaka avy amin'ny tany, mba hahafahan'izy ireo miaina am-pilaminana any amin'ny tany efitra ary hatory soa aman-tsara any amin'ireo ala. [26]Izaho dia hitondra fitahiana amin'izy ireo sy amin'ireo toerana manodidina ny havoanako, satria handefa orana amin'ny andro voatondro Aho. Ho oran'ny fitahiana izany. [27]Dia hamokatra ireo voany ny hazon'ny saha, ary ny tany dia hanome alalana ny vokany. Ho voaaro ao amin'ny tanin'izy ireo ny ondriko; dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh, rehefa manapaka ireo hidin'ny ziogan'izy ireo Aho, sy rehefa manavotra azy ireo avy amin'ny tanan'ireo izay nanandevo azy ireo.
[28]Tsy ho babo ho an'ireo firenena intsony izy ireo, ary tsy handrapaka azy ireo intsony ireo bibidia ambonin'ny tany. Fa hiaina am-pilaminana izy ireo, ary tsy hisy na iza na iza hampitahotra azy ireo. [29]Fa hanamboatra toerana fambolena milamina ho azy ireo Aho mba tsy ho fatin'ny hanoanana intsony izy ireo ao amin'ilay tany, ary ireo firenena tsy hitondra faniratsirana amin'izy ireo.
[30]Dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho, Yaveh Andriamanitr'izy ireo, dia miaraka amin'izy ireo. Izy ireo no oloko, ny ankohonan'Israely—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. [31]Fa ianareo no ondriko, ondry aman'osin'ny ahitro, ary oloko, ary Izaho no Andriamanitrareo—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'"

35 [1]Ary tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"Ry zanak'olona, ampanatreho ny Tendrombohitra Seïra ny tavanao ary maminania manohitra izany. [3]Lazao amin'izany hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Indro! Manohitra anao Aho, ry Tendrombohitra Seïra, ary hamely anao amin'ny tanako Aho ary hanao anao ho lao sy horohoro.
[4]Ho ataoko rava ireo tanànanareo, ary ianareo dia ho lasa faharavàna; avy eo dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh.
[5]Satria fahavalo teo amin'ny vahoakan'Israely mandrakariva ianareo, ary satria nandefa azy ireo teo an-tanan'ny sabatra ianareo tamin'ny fotoan'ny fahorian'izy ireo, tamin'ny fotoan'ny naha-lehibe ny sazin'izy ireo. [6]Noho izany, raha mbola velona koa Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—dia hanomana anareo ho amin'ny fandatsahan-drà Aho, ary hanenjika anareo ny fandatsahan-drà! Satria tsy nankahalainareo ny fandatsahan-drà, dia hanenjika anareo ny fandatsahan-drà.
[7]Ho ataoko faharavana tanteraka ny Tendrombohitra Seïra rehefa hanala avy amin'izany izay rehetra mandalo eo sy miverina eo amin'izany Aho. [8]Dia ho fenoiko amin'ny lohan'izy ireo ny tendrombohitr'izany. Ireo havoana avonareo sy ireo lohasaha ary ireo loharanonareo rehetra—ireo izay matin'ny sabatra dia hianjera ao amin'ireo. [9]Ho ataoko faharavana mandrakizay ianareo. Tsy hisy mponina ireo tanànanareo, fa ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh.
[10]Ianao efa nilaza hoe: "Ireo firenena roa ireo sy ireo tany roa ireo dia ho ahy, ka hanana azy ireo ho fananana isika," na dia niaraka tamin'izy ireo aza i Yaveh. [11]Noho izany, raha mbola velona koa Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—dia hanao araka ny hatezeranao sy araka ny fialonana izay nanananao tamin'ny fankahalanao an'Israely Aho, ary haneho ny tenako amin'izy ireo Aho rehefa mitsara anao.
[12]Ka ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh. Efa nandre ireo faniratsirana izay noteneninareo tamin'ireo tendrombohitr'Israely Aho, rehefa niteny ianareo hoe: "Efa rava izy ireo; efa nomena teo aminay mba ho arapaka izy ireo." [13]Efa nanandratra ny tenanareo tamiko tamin'izay nolazainareo ianareo, ary nampitombo ireo teny nanoheranareo Ahy; ary reko izany rehetra izany.
[14]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ho ataoko rava ianareo, raha mbola mifaly ny tany manontolo. [15]Raha mbola mifaly eo amin'ny lovan'ny olon'Israely nohon'ny faharavany ianareo, dia ho ataoko aminareo koa izany. Ho tonga faharavana ianao, ry Tendrombohitra Seïra, ary Edoma rehetra—izany rehetra izany! Dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh.""

36 [1]"Ankehitriny ianao, ry zanak'olona, maminania amin'ireo tendrombohitr'Israely ary lazao hoe: 'Ry tendrombohitr'Israely, henoy ny tenin'i Yaveh. [2]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Efa niresaka momba anareo ny fahavalo hoe: "Hia!" ary "Lasa fanananay ireo toerana avo fahagola."' [3]Noho izany maminania ary lazao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Nohon'ny faharavanareo sy nohon'ny fanafihana izay tonga teo aminareo avy any amin'ny lafiny rehetra, dia efa lasa fananan'ireo firenen-kafa ianareo; efa lasa foto-kevitry ny molotra sy ny lela mpanendrikendrika ianareo, ary tantaran'ny olona.
[4]Noho izany, ry tendrombohitr'Israely, henoy ny tenin'ny Tompo Yaveh: Izao no lazain'ny Tompo Yaveh amin'ireo tendrombohitra sy ireo havoana avo, amin'ireo lohasahan-driaka sy ireo lohasaha, amin'ireo mponin'ny faharavana sy ny tanàna haolo izay efa lasa babo sy foto-kevitry ny faniratsirana ho an'ireo firenen-kafa izay manodidina azy ireo— [5]noho izany ny Tompo Yaveh dia milaza izao: Efa niresaka tao amin'ny afom-pahatezerako monohitra ireo firenen-kafa tokoa Aho, manohitra an'i Edoma sy ireo rehetra izay naka ny taniko ho an'ny tenany ho fananana, manohitra ny rehetra izay samy nifaly tao am-pony sy nanao tsinotsinona tao amin'ny fanahin'izy ireo, araka ny nakan'izy ireo ny taniko izay

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mety hanambaran'izy ireo ny tanin'ahiny ho an'ny tenan'izy ireo.' [6]Noho izany, maminania amin'ny tanin'Israely ary lazao amin'ireo tendrombohitra sy ireo havoana avo, amin'ny lohasahan-driaka sy ireo lohasaha hoe: 'izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Indro! Anatin'ny fahavinirako sy ny fahatezerako no anambarako izany satria nitondrana ny faniratsiran'ny firenena ianareo.
[7]Noho izany, izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Izaho mihitsy no hanandratra ny tanako hianiana fa ireo firenena izay manodidina anareo dia hitondra ny fahafam-barakany manokana tokoa.
[8]Fa ianareo, ry tendrombohitr'Israely, hitombo sampana sy hamokatra ho an'Israely vahoakako ianareo, satria hiverina aminareo tsy ho ela izy ireo. [9]Fa indro, momba anareo Aho, ary mitondra anareo an-kasitrahana; ho asaina sy ho fafazana amin'ny voa ianareo.
[10]Koa hampitombo tendrombohitr'olona eo aminareo Aho ao amin'ny ankohonan'Israely rehetra, izany rehetra izany. Hisy mponina ireo tanàna ary harenina indray ireo rava. [11]Hampitombo ny olona sy ny bibidia eo aminareo Aho ry tendrombohitra mba hitombo sy hahavokatra izy ireo. Dia hahatonga anareo hisy mponina tahaka anareo teo aloha Aho, ary ho hambiniko mihoatra noho ireo vitanareo taloha ianareo, hahafantaranareo fa Izaho no Yaveh. [12]Hitondra olona Aho, ry Israely vahoakako, mba handeha eo aminareo. Ho fananan'izy ireo ianao, ka ho lovany, ary tsy hahatonga ny zanak'izy ireo ho faty intsony ianao.
[13]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Satria izy ireo milaza aminareo hoe: "Mandevona olona ianao, ary efa maty ny zanaky ny firenenao," [14]noho izany dia tsy handevona olona intsony ianareo, ary tsy hanao ny firenenareo hisaona ny fahafatesan'izy ireo intsony. Izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. [15]Na koa hamela anareo handre ny faniratsiran'ny firenena intsony Aho; tsy hitondra ny henatry ny olona intsony ianareo na hahatonga ny firenenareo ho lavo—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."'
[16]Ary dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [17]"'Ry zanak'olona, rehefa nonina tamin'ny taniny ny ankohonan'Israely, dia nandoto izany tamin'ireo fombany sy ireo asany. Ny fomban'izy ireo dia tahaka ny fahalotoan'ny fadimbolan'ny vehivavy eo anoloako. [18]Koa nararako teo amin'izy ireo ny fahatezerako nohono'ny rà izay nalatsak'izy ireo teo amin'ny tany sy nohon'ny fandotoan'izy ireo izany tamin'ny alalan'ireo sampiny.
[19]Naheliko teo amin'ireo firenena izy ireo; naparitaka nanerana ireo tany izy ireo. Notsaraiko araka ireo fombany sy ireo asany izy ireo. [20]Avy eo izy ireo nankany amin'ireo firenena, ary na taiza na taiza nalehan'izy ireo, dia naniratsira ny anarako masina izy ireo rehefa nilaza ny amin'izy ireo ny vahoaka hoe: 'Ireny tokoa ve no vahoakan'i Yaveh? Fa efa nandà ny taniny izy ireo.' [21]Fa nanana fangoraham-po ho an'ny anarako masina izay efa nolotoin'ny ankohonan'Israely teo amin'ny firenena Aho, raha nandeha tany izy ireo.
[22]Koa lazao amin'ny ankohonan'Israely hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Tsy manao izany nohon'ny aminareo Aho, ry ankohonan'Israely, fa nohon'ny anarako masina, izay efa nolotoinareo teo amin'ireo firenena rehetra izay efa nalehanareo. [23]Fa hanao ny anarako lehibe ho masina Aho, izay efa nolotoinareo teo amin'ireo firenena—teo afovoan'ireo firenena, no naniratsiranareo izany. Ary dia ho fantatry ny firenena fa Izaho no Yaveh—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh —rehefa hitanareo fa masina Aho.
[24]Ho esoriko avy eo amin'ireo firenena ianareo ary hangoniko avy any amin'ny tany rehetra, dia ho entiko any amin'ny taninareo ianareo. [25]Avy eo ho fafazako rano madio eo aminareo mba ho voadio amin'ireo fahalotoanareo rehetra ianareo, ary ho dioviko amin'ny sampinareo rehetra ianareo.
[26]Homeko fo sy fanahy vaovao ianareo ao anatinareo ao, ary halàko amin'ny nofonareo ny fo vato. Fa homeko fo nofo ianareo. [27]Hametraka ny fanahiko ao aminareo Aho ary hahatonga anareo hanaraka ny lalàko sy hitandrina ny didiko, dia ho ataonareo ireo. [28]Ary honina ao amin'ny tany izay nomeko ny razambenareo ianareo; ho vahoakako ianareo, ary Izaho ho Andriamanitrareo.
[29]Fa ho avotako avy amin'ny fahalotoanareo rehetra ianareo. Hiantso ny vary sy hampitombo izany Aho. Tsy ho asiako mosary intsony eo aminareo. [30]Hampitomboiko ny voan'ny hazo sy ny vokatrin'ny saha mba tsy hitondra ny henatrin'ny mosary eo amin'ny firenena intsony ianareo. [31]Dia hahatsiaro ny fomba ratsinareo sy ny asa ratsinareo izay tsy tsara ianareo, ary hampiseho rikoriko eo amin'ny tarehinareo noho ireo fahotanareo sy ireo asa maharikorikonareo ihany ianareo.
[32]Tsy manao izany nohon'ny aminareo Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—aoka ho fantatrareo izany. Noho izany aoka ho menatra sy afa-baraka nohon'ny fombanareo ianareo, ry ankohonan'Israely. [33]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Amin'ny andro izay handiovako anareo amin'ny helokareo rehetra, dia hataoko monina ao amin'ireo tanàna ianareo ary hanamboatra indray ireo toerana rava. [34]Fa ho asainareo indray ny tany rava mandra-pahatonga izany ho tsy faharavana eo imason'ireo rehetra izay mandalo intsony.
[35]Dia hilaza izy ireo hoe: "Rava ity tany ity, saingy lasa tahaka ny sahan'i Edena izy; ireo tanàna rava sy ireo rava tsy misy mponina izay nosimbaina dia voaaro mafy sady nonenana ankehitriny." [36]Avy eo ireo firenena hafa manodidina anao dia hahafantatra fa Izaho no Yaveh, fa Izaho no nanangana ny rava sy nampamokatra indray ireo toerana foana. Izaho no Yaveh. Efa nambarako izany ary ho ataoko.
[37]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ho angatahan'ireo ankohonan'Israely indray Aho hoe mba hanao izany ho azy ireo, mba hampitombo azy ireo tahaka ny andian'olona. [38]Tahaka ny ondry voatokana ho an'ny sorona, tahaka ny ondry any Jerosalema amin'ny fanasany voatondro, dia ho feno andian'olona ireo tanàna rava ary ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh."'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

37 [1]Teo amiko ny tanan'i Yaveh, ary nitondra ahy hivoaka tamin'ny alalan'ny Fanahin'i Yaveh Izy ary nametraka ahy teo
afovoan'ny lohasaha; feno taolana izany. [2]Dia nasainy niodidina teo amin'izany aho. Indro! Maro an'isa tamin'izy ireo
no teny amin'ny lohasaha. Indro! Maina be tokoa izy ireo. [3]Hoy Izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona, afaka miaina indray ve
ireto taolana ireto?" Dia hoy aho hoe: "Ry Tompo Yaveh, Ianao irery ihany no mahalala."
[4]Dia niteny tamiko izy hoe: "Maminania amin'ireo taolana ireo ary lazao amin'izy ireo hoe: 'Ry taola-maina. Henoy ny
tenin'i Yaveh. [5]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh amin'ireo taolana ireo: Indro! hametraka fofon'aina aminao Aho, ary ho
velona ianao. [6]Hametraka hozatra manerana anao Aho ary hitondra nofo eo aminao. Handrakotra anao amin'ny hoditra
Aho ary hanisy fofonaina ao anatinao mba hiaina ianao. Dia ho fantatrao fa Izaho no Yaveh.'"
[7]Ka dia naminany arak'izay nandidiana ahy aho; raha naminany aho, dia indro, nisy feo tonga, izay mangovitra. Dia
nifanatona niaraka ireo taolana—taolana amin'ny taolana. [8]Nijery aho ary, indro, teo amin'izy ireo ny hozatra izao, ary
nitombo ny nofo ka nandrakotra azy ireo ny hoditra. Fa tsy mbola nisy fofonaina tao amin'izy ireo.
[9]Dia niteny tamiko Yaveh hoe: "Maminania amin'ny fofonaina, maminania, ry zanak'olona, ary mitenena amin'ny
fofonaina hoe: 'Ny Tompo Yaveh miteny izao: Ry fofonaina, tongava avy amin'ny rivotra efatra, ary tsofy ireo izay
voavono, mba hahafahan'izy ireo miaina.'" [10]Koa naminany araka izay efa nandidiana ahy aho; tonga tamin'izy ireo ny
fofonaina ary velona izy ireo. Avy eo dia nitsangana tamin'ny tongony izy ireo, izay tafika lehibe.
[11]Dia niteny tamiko Yaveh hoe: "Ry zanak'olona, ankohonan'Israely manontolo ireo taolana ireo. Indro! Hoy izy ireo hoe:
'Nihamaina ireo taolanay, ary lasa ny fanantenanay. Nofongorana izahay.' [12]Noho izany dia maminania ary lazao izy ireo
hoe: 'Ny Tompo Yaveh miteny izao: Indro! Hanokatra ireo fasanareo Aho ary hampiakatra anareo hivoaka ao amin'izany,
ry vahoakako. Hitondra anao hiverina amin'ny tanin'Israely Aho.
[13]Dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh, rehefa manokatra ny fasanareo sy mitondra anareo hivoaka amin'izy ireo Aho, ry
vahoakako. [14]Hametraka ny Fanahiko ao aminareo Aho ka ho velona ianareo, ary hampiala sasatra anareo any amin'ny
taninareo Aho rehefa fantatrareo fa Izaho no Yaveh. Manambara izany Aho ary hanatanteraka izany—izany no
fanambaran'i Yaveh.'"
[15]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [16]"Koa ankehitriny ianao, ry zanak'olona, mangalà tapa-kazo iray ho an'ny
tenanao ary soraty eo amin'izany hoe: 'Ho an'i Joda sy ny vahoakan'Israely, ireo namany.' Dia makà tapa-kazo iray hafa
ary soraty eo amin'izany hoe: 'Ho an'i Josefa, ny tapa-kazon'i Efraima, ary ho an'ireo vahoakan'Israely rehetra, ireo
namany.' [17]Ento hiaraka ho tapa-kazo iray izy roa ireo, mba ho tonga iray eo an-tananao izy ireo.
[18]Rehefa miresaka aminao ireo vahoakanao ary manao hoe: 'Moa tsy hilaza aminay ny dikan'ireo zavatrao ireo ve ianao?'
[19]dia lazao amin'izy ireo hoe: 'Ny Tompo Yaveh miteny izao: Indro! Maka ny tapa-kazon'i Josefa izay eo an-tanan'i Efraima
sy ireo fokon'Israely namany Aho ary mampifandray izany amin'ny tapa-kazon'i Joda, mba ho tapa-kazo iray ihany izy
ireo, ary ho lasa iray eo an-tanako izy ireo.' [20]Hazòny eo an-tananao ireo tapa-kazo izay nosoratanao teo imason'izy ireo.
[21]Ambarao amin'izy ireo hoe: 'Ny Tompo Yaveh milaza izao: Indro! Handeha haka ireo vahoakan'Israely avy amin'ireo
firenena izay nalehan'izy ireo Aho. Hanangona azy ireo avy amin'ireo tany manodidina Aho ary hitondra azy ireo any
amin'ny taniny. [22]Ho ataoko firenena iray any amin'ilay tany izy ireo, eo amin'ireo tendrombohitr'Israely, ary mpanjaka
tokana no ho mpanjakan'izy rehetra ireo, ary tsy ho firenena roa intsony izy ireo. Tsy ho voazara ho fanjakana roa
intsony izy ireo. [23]Ary tsy handoto ny tenan'izy ireo amin'ireo sampiny intsony izy ireo, ireo zavany maharikoriko, na iray
amin'ireo fahotany hafa. Fa hamonjy azy ireo amin'ireo nataony tsy am-pinoana izay nanotany Aho, ary hanadio azy ireo,
ka ho vahoakako izy ireo ary Izaho ho Andriamaniny. [1]
[24]Davida mpanompoko no ho mpanjakan'izy ireo. Ka mpiandry tokana no ho amin'izy rehetra ireo, ary handeha araka
ireo fitsipiko sy hitandrina ireo lalàko ary hankato izany izy ireo. [25]Hipetraka any amin'ny tany izay nomeko an'i Jakoba
mpanompoko izy ireo, izay nijanonan'ireo razambenareo. Hitoetra ao anatin'izany mandrakizay izy ireo—izy ireo, ireo
zanany, ary ireo zafikeliny, satria Davida mpanompoko no ho lehiben'izy ireo mandrakizay.
[26]Hametraka fanekem-pihavanana miaraka amin'izy ireo Aho. Ho fanekena mandrakizay miaraka amin'izy ireo izany.
Hametraka azy ireo Aho sy hanamaro azy ireo ary hametraka ny toerako masina eo afovoan'izy ireo mandrakizay. [27]Ny
toerana fonenako dia hiaraka amin'izy ireo; ho Andriamaniny Aho, ary ho vahoakako izy ireo. [28]Dia ho fantatr'ireo
firenena fa Izaho no Yaveh izay manokana an'Israely, rehefa eo amin'izy ireo mandrakizay ny toerako masina.'"

---

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny taloha sy taty aoriana indrindra dia mamaky hoe: "Amin'ireo nataony tsy am-pinoana". Na izany aza, ny lahatsoratra Hebreo mamaky hoe: "amin'ireo toerana nonenany" izay tsy mahalaza mahakasika ity foto-kevitra ity ny eritreritra maro.

---

38 [1]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"Ry zanak'olona, ampanatreho an'i Goga, ilay tanin'i Magoga, ilay
lehiben'ny andriandahin'i Meseka sy Tobala ny tavanao; ary maminania manohitra azy. [3]Lazao hoe: 'Izao no lazain'ny
Tompo Yaveh: Indro! Manohitra anao Aho, ry Goga, lehiben'ny andriandahin'i Meseka sy Tobala.
[4]Koa ho ataoko mihodikodina ianao ary ho asiako faraingo ny valanoranonao; ho alefako miaraka aminao ireo tafikao
rehetra, ireo soavaly, ary ireo mpitaingin-tsoavaly, izy rehetra manao fiarovana avokoa, antoko lehibe miaraka amin'ny
ampinga lehibe sy ampinga kely, izy rehetra mitàna sabatra avokoa! [5]Persia, Kosa, ary Lybia dia miaraka amin'izy ireo,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

izy rehetra miaraka amin'ny ampingan'izy ireo sy ny fiarovan-dohan'izy ireo! [6]Gomera sy ireo tafiny rehetra, ary Beta-togarma, avy amin'ny faritra lavitra any andrefana, ary ireo tafiny rehetra! Maro ireo olona no miaraka aminao!
[7]Mivonona! Eny, homano ny tenanao sy ireo tafikao miaraka aminao, ary aoka ianao ho mpifehy azy ireo. [8]Ho voaantso ianao aorian'ny andro maro, ary afaka taona vitsy ianao dia handeha any amin'ny tany izay sitrana tamin'ny sabatra sy nangonina avy tamin'ireo vahoaka maro, nangonina hiverina amin'ny tendrombohitr'Israely izay faharavana hatrizay. Fa ny tanin'ireo vahoaka dia ho alàna avy eo amin'ireo vahoaka, ary hitoetra tsy amin'ny ahiahy izy ireo, izy rehetra! [9]Koa hiakatra tahaka ny fandehan'ny tafido-drivotra ianao; ho tahaka ny rahona manarona ny tany ianao, ianao sy ireo tafikao rehetra, ireo miaramila maro rehetra miaraka aminao.
[10]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ary amin'izany andro izany dia hisy eritreritra hiforona ao am-ponao, ary hihevitra teti-dratsy ianao.' [11]Dia hilaza ianao hoe: 'Hiakatra ho any amin'ny tany malalaka aho; ho any amin'ireo vahoaka mangina mitoetra tsy amin'ahiahy aho, izy rehetra dia mitoetra any amin'izay tsy misy manda na hidy, ary any amin'izay tsy misy vavahadin-tanàna. [12]Hisambotra ireo babo aho ary hangalatra babo, mba hitondrako ny tanako eo amin'ireo rava izay efa azo hitoerana indray, ary amin'ireo vahoaka nangonina avy amin'ireo firenena, ny vahoaka izay mahazo biby fiompy sy fananana, ary ireo izay monina ao amin'ny ivon'ny tany.'
[13]Sheba sy Dedana, ary ireo mpivarotr'i Tarsisy miaraka amin'ireo mpiadiny tanora rehetra dia hiteny aminao hoe: 'Tonga mba hambabo ve ianao? Namory ireo tafikao mba hanala ireo rava, mba haka ireo volafotsy sy volamena, mba haka ny biby fiompin'izy ireo sy ny fananana ary mba hahazo babo betsaka ve ianao?'
[14]Noho izany maminania, ry zanak'olona, ary milazà amin'i Goga hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Amin'izany andro izany, rehefa mitoetra tsy amin'ahiahy ny Israely oloko, dia tsy hamantatra ny momba azy ireo ve ianao? [15]Ho tonga avy amin'ny toeranao avy lavitra any avaratra miaraka amin'ny tafika lehibe ianao, izy rehetra mitaingin-tsoavaly, antoko lehibe, tafika lehibe. [16]Hanafika an'Israely vahoakako tahaka ny rahona izay manarona ny tany ianao. Amin'ireo andro farany dia hitondra anao hanohitra ny taniko Aho, ka mety hahafantatra Ahy ireo firenena rehefa haneho ny tenako amin'ny alalanao Aho, ry Goga, mba ho masina eo imason'izy ireo.
[17]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Tsy ianao ve ilay iray izay nitenenako tamin'ireo andro taloha tamin'ny alalan'ny tanan'ireo mpanompoko, ireo mpaminanin'Israely, izay naminany tamin'ny fotoan'izy ireo manokana nandritry ny taona fa hitondra anao hanohitra azy ireo Aho? [18]Ka ho tonga ny andro izay hanafihan'i Goga ny tanin'Israely—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—hiakatra amin'ny fahatezerako ny fahavinirako.
[19]Amin'ny zotom-poko sy amin'ny afon'ny hatezerako, no hanambarako fa amin'izany andro izany dia hisy horohorontany lehibe ao amin'ny tanin'Israely. [20]Hiozongozona eto anatrehako izy ireo—dia ny trondron-dranomasina sy ireo voron'ny lanitra, ireo bibidian'ny saha, ary ireo zava-manan'aina rehetra izay mandady amin'ny tany, sy ny olon-drehetra izay eto ambonin'ny tany. Hianjera ireo tendrombohitra ary hihotsaka ireo hantsana, mandra-pianjeran'ireo manda rehetra eo amin'ny tany.
[21]Hiantso sabatra hanohitra anao eo amin'ireo tendrombohitro rehetra Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—ny sabatry ny olona tsirairay dia hanohitra ny rahalahiny. [22]Avy eo dia hitsara azy amin'ny areti-mandoza sy rà Aho; ary orana manafotra sy havandra ary solifara mirehitra no ho arotsako eo amboniny sy ireo tafiny ary ireo firenena maro izay miaraka aminy. [23]Fa haneho ny halehibeko sy ny fahamasinako Aho ary hampahafantatra ny tenako eo imason'ireo firenena maro, ka hahafantatra izy ireo fa Izaho no Yaveh.'"

39 [1]"Ankehitriny ianao, ry zanak'olona, maminania hamely an'i Goga ka lazao hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh:
Indro! Manohitra anao Aho, ry Goga, lehiben'i Meseka sy Tobala. [2]Hampitodika anao Aho ka hitarika anao; ho entiko miakatra avy any avaratra alavitra ianao ary entiko any amin'ireo tendrombohitr'Israely. [3]Dia ho ataoko miala avy eo an-tanan-kavianao ny lefonao ary hataoko milatsaka avy eo amin'ny tananao havanana ny tsipika.
[4]Hianjera ho faty eo amin'ny tendrombohitr'Israely ianao—ianao sy ny antokonao ary ireo miaramila izay miaraka aminao. Homeko an'ireo vorona mpihaza sy ireo bibidian'ny saha mba ho sakafo ianao. [5]Hianjera ho faty eo amin'ny saha ianao, fa Izaho mihitsy no manambara izany—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. [6]Dia handefa afo eo amin'i Magoga sy ireo izay monina tsy amin'ahiahy eny amoron-tsiraka Aho, ary ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh.
[7]Fa hataoko fantatra eo anivon'Israely vahoakako ny anarako masina, ary tsy hamela ny anarako masina ho zimbazimbaina intsony Aho; dia ho fantatry ny firenena fa Izaho no Yaveh, ilay Iray Masina any Israely. [8]Indro! Ho avy ny andro, ary hitranga izany—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[9]Ireo izay monina ao amin'ny tanànan'Israely dia hivoaka ary hampiasa fiadiana mba hirehitra ka hahatonga afo handoro azy ireo—dia ampinga kely, ampinga be, lefom-pohy, tsipìka, langilangy sy lefona; hampirehitra afo amin'izy ireo mandritry ny fito taona ireo. [10]Tsy hanangona kitay avy eny an-tsaha izy ireo na hikapa hazo avy amin'ireo ala, satria ho doran'izy ireo ny fitaovam-piadiana; haka avy amin'ireo izay nitady haka tamin'izy ireo izy; hambabo ireo izay nitady hambabo azy ireo izy ireo—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."
[11]Ary amin'izany andro izany dia hanamboatra toerana ho an'i Goga any Aho—fasana any Israely, lohasaha ho an'ireo izay manao dia ho any atsinanan'ny ranomasina. Hanakana an'ireo izay maniry ny hiampita izany. Any no handevenan'izy ireo an'i Goga miaraka amin'ny vahoakany rehetra. Ho antsoin'izy ireo hoe Lohasahan'i Hamona Goga izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Mandritry ny ny fito volana dia handevina azy ireo ny ankohonan'Israely mba hanadio ny tany. [13]Satria handevina azy ireo ny vahoakan'ny tany rehetra; dia ho andro fahatsiarovana ho azy ireo izany rehefa omem-boninahitra Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[14]Dia hanendry olona hiampita ny tany hatrany izy ireo, mba hahitana ireo izay nandeha niampita, saingy maty ka nijanona teo amin'ny fanambonin'ny tany ny fatiny, mba hahafahan'izy ireo mandevina azy ireo, mba hanadiovana ny tany. Amin'ny faran'ny volana fahafito no hanombohan'izy ireo ny fikarohany. [15]Raha mandalo ny tany ireo lehilahy ireo, rehefa mahita taolan'olona izy ireo, dia hanisy marika eo akaikin'izany, ambara-pahatongan'ny mpihady fasana ka handevina izany eny amin'ny Lohasahan'i Hamona Goga. [16]Hisy tanàna araka ny anaran'i Hamona any. Amin'izany fomba izany no hanadiovan'izy ireo ny tany.
[17]Ary ho anao, ry zanak'olona, izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Lazao amin'ireo vorona manan'elatra rehetra sy ireo bibidia any an-tsaha hoe: 'Miaraha-miangona ka avia. Miangòna avy any amin'ny manodidina rehetra ho eo amin'ny sorona izay izaho mihitsy no manao azy ho anao, dia sorona lehibe eo amin'ny tendrombohitr'Israely, mba hahafahanao mihinana nofo sy misotro rà. [18]Ho haninao ny nofon'ireo mpiady ary ho sotroinao ny ràn'ireo andriandahin'ny tany; ho ondry, zanak'ondry, osy lahy, ary omby lahy izy ireo, natavezina tao Basana izy ireo.
[19]Dia hihinana tavy ianao mandra-pahavokinao; hisotro rà ianao mandra-pahamamo; izany no sorona ho vonoiko ho anareo. [20]Ho voky eo an-databatro amin'ny soavaly, kalesy, mpiady, ary ireo lehilahin'ady rehetra ianareo—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.'
[21]Hapetrako eo amin'ireo firenena ny voninahitro, ary ho hitan'ireo firenena ny fitsaràko izay tanterahako ary ny tanako izay napetrako hamely azy ireo. [22]Ho fantatry ny ankohonan'Israely fa Izaho no Yaveh Andriamanitr'izy ireo manomboka amin'izany andro izany mankany.
[23]Ho fantatr'ireo firenena fa ny ankohonan'Israely dia lasan-ko babo nohon'ny helok'izy ireo izay namadihany Ahy, koa dia nanafina ny tavako tamin'izy ireo Aho ary nanolotra azy ireo ho eo an-tanan'ireo fahavalony hany ka lavon'ny sabatra izy rehetra. [24]Nataoko tamin'izy ireo araka ny fahalotoany sy ny fahotany ihany, rehefa nanafina ny tavako tamin'izy ireo Aho.
[25]Noho izany dia izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ankehitriny dia hamerina ny haren'i Jakoba Aho, ary hangoraka ny ankohonan'Israely rehetra, rehefa miasa amin-jotom-po nohon'ny anarako masina Aho. [26]Dia hitondra ny henatr'izy ireo sy ny famadihana rehetra izay namadihany Ahy izy ireo. Ho adinon'izy ireo izany rehetra izany rehefa mitoetra tsy amin'ahiahy ao amin'ny taniny izy ireo, tsy misy na iza na iza mampihorohoro azy ireo. [27]Rehefa mamerina azy ireo avy amin'ny vahoaka Aho ary manangona azy ireo avy ao amin'ny tanin'ny fahavalon'izy ireo, dia hampiseho ny tenako ho masina eo imason'ny firenena maro Aho.
[28]Dia ho fantatr'izy ireo fa Izaho no Yaveh Andriamanitr'izy ireo, satria nandefa azy ireo ho babo teo amin'ireo firenena Aho, saingy avy eo Aho hanangona azy ireo hiverina any amin'ny taniny. Tsy handao na dia iray amin'izy ireo eo amin'ireo firenena Aho. [29]Tsy hanafina ny tavako amin'izy ireo intsony Aho rehefa mandatsaka ny Fanahiko eo amin'ny ankohonan'Israely—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."

40 [1]Tamin'ny taona fahadimy amby roapolon'ny fahababoanay tamin'ny fiandohan'ny taona tamin'ny andro fahafolon'ny volana, tamin'ny fahefatra ambin'ny folo taona taorian'ny nahababo ny tanàna—tamin'izany andro izany ihany, dia teo amiko ny tanan'i Yaveh ary naka ahy tany Izy. [2]Tao anatin'ny fahitana avy tamin'Andriamanitra no nitondrany ahy nankany amin'ny tanin'Israely. Nitondra ahy ho amin'ny fitsaharana tany amina tendrombohitra tena avo Izy; tany atsimo no nisehoan'ireo trano lehiben'ny tanàna.
[3]Dia nentiny tany aho. Indro, lehilahy iray! Ny endriny dia niendrika varahina. Tady rongony fotsy sy volotara fandrefesana no teny an-tanany, ary nitsangana teo amin'ny vavahadin'ny tanàna izy. [4]Nilaza tamiko ilay lehilahy hoe: "Ry zanak'olona, mijere amin'ny masonao ary mihainoa amin'ny sofinao, ka atombeno amin'izay rehetra aborako aminao ny sainao, satria nentina taty ianao mba hahafahako mamboraka ireny aminao. Tatero amin'ny ankohonan'Israely ny zavatra rehetra izay ho hitanao."
[5]Nisy rindrina nanodidina ny faritry ny tempoly. Ny halavan'ilay volotara fandrefesana teny an-tanan'ilay lehilahy dia enina hakiho, ny halavan'ny hakiho tsirairay dia hakiho iray sy vodivoam-pelantanana iray. Nandrefy ny rindrina izy; izany dia iray volotara fandrefesana ary iray volotara ny haavony. [6]Avy eo dia nandeha nankany amin'ny vavahadin'ny tempoly izay nitodika niatsinanana izy. Niakatra tamin'ny ambaratongan'izany izy ary nandrefy ny tokonan'ny vavahady —iray volotara ny halaliny. [1] [7]Ireo efitrano fiambenana dia iray volotara ny halavany ary iray volotara ny sakany; nisy dimy hakiho teo anelanelan'ireo efitrano roa, ary ny tokonam-bavahadin'ny tempoly teo akaikin'ny lavarangan'ny tempoly dia iray volotara ny halaliny.
[8]Norefesiny ny lavarangan'ilay vavahady; izany dia iray volotara ny halavany. [9]Nandrefy ny lavarangan'ny vavahady izy. Iray volotara ny halaliny. Ireo tolàna dia roa hakiho ny sakany. Ilay lavarangan'ny vavahady nanandrify ny tempoly izany. [10]Nisy efitrano fiambenana telo teo amin'ny andaniny roan'ny vavahady atsinanana, ary nitovy refy ireo, ary ireo rindrina izay nanasaraka ireo dia nanana refy nitovy.
[11]Avy eo dia nandrefy ny sakan'ny fidirana amin'ny vavahady ilay lehilahy—folo hakiho; ary nandrefy ny halavan'ny fidirana amin'ny vavahady—telo ambin'ny folo hakiho. [12]Nandrefy ny rindrina izay nanamorona ny anoloan'ireo efitrano

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

izy—iray hakiho ny haavony. Ireo efitrano dia nirefy enina hakiho isan-dafiny. [13]Dia nandrefy ny fidirana amin'ny vavahady teo amin'ny tafo ka hatramin'ny an'ny efitrano manaraka izy—dimy amby roapolo hakiho, teo amin'ny fidiran'ny efitrano voalohany hatrany amin'ny an'ny faharoa.
[14]Nony avy eo dia norefesiny ny rindrina izay teo anelanelan'ireo efitrano fiambenana—enimpolo hakiho ny halavany; norefesiny hatrany amin'ny lavarangan'ny vavahady. [15]Ny fidirana avy teo anoloan'ny vavahady ka hatrany amin'ny faran'ny lavarangan'ny vavahady iray hafa dia dimampolo hakiho. [16]Nisy varavarankely nirindrina nankany amin'ireo efitrano sy nankany amin'ireo andrin'ireo tao amin'ny manodidina an'ireo vavahady rehetra; ary toy izany koa ho an'ireo lavarangana. Nisy varavarankely nanodidina ny tao anatiny, ary ny tsanganana tsirairay dia noravahana hazo rofia.
[17]Dia nentin'ilay lehilahy tany amin'ny kianja ivelan'ny tempoly aho. Indro, nisy efitrano, ary nisy rarivato teo amin'ny kianja, niaraka tamina efitrano telopolo teo anilan'ilay rarivato. [18]Niakatra nankany amin'ny ilan'ireo vavahady ilay rarivato, ary ny sakan'izany dia nitovy tamin'ny halavan'ireo vavahady. Izany no rarivato ambany. [19]Avy eo dia nandrefy ny elanelana teo amin'ny anoloan'ny vavahady ambany ka hatreo amin'ny anoloan'ny vavahady anatiny ilay lehilahy; zato hakiho ny tany atsinanana, ary toy izany koa ny tany avaratra.
[20]Dia nandrefy ny halavany sy ny sakan'ny vavahady izay tao avaratry ny kianja ivelany izy. [21]Nisy efitrano telo teo amin'ny lafiny roa tamin'izany vavahady izany, ary ilay vavahady sy ny lavarangany dia nirefy nitovy tamin'ny vavahady lehibe—dimampolo hakiho ny fitambaran'ny halavany ary dimy amby roapolo hakiho ny sakany.
[22]Ireo varavarakeliny, lavarangany, efitrano, ary ireo hazo rofia dia nifanaraka tamin'ny vavahady miatsinanana. Fito dingana no niakatra nankany amin'izany sy ny lavarangany. [23]Nisy vavahady tao amin'ny kianja anatiny teo anoloan'ny vavahady nitodika mianavaratra, tahaka izany ihany koa dia nisy vavahady tany atsinanana; nandrefy teo amin'ny vavahady iray ka hatrany amin'ny vavahady iray hafa ilay lehilahy—zato hakiho ny elanelany.
[24]Manarak'izany dia nentin'ilay lehilahy nankany amin'ny vavahady fidirana atsimo aho, ka nirefy nitovy tamin'ireo vavahady ivelany hafa ireo rindriny sy lavarangany. [25]Nisy varavarakely nirindrina tao amin'ny fidirana amin'ny vavahady ary ny lavarangany dia tahaka ny tao amin'izany vavahady izany. Ny vavahady atsimo sy ny lavarangany dia nirefy dimampolo hakiho ny halavany ary dimy amby roapolo hakiho ny sakany.
[26]Nisy dingana fito no niakatra nankany amin'ny vavahady sy ny lavarangany, ary nisy sary sokitra rofia tamin'ireo andaniny roa tamin'ny rindrina. [27]Nisy vavahady tao amin'ny kianja anatiny tany amin'ny lafiny atsimo, ka nandrefy teo amin'izany vavahady izany ka hatrany amin'ny vavahady fidirana atsimo ilay lehilahy—zato hakiho ny elanelany.
[28]Avy eo dia nentin'ilay lehilahy nankao amin'ny kianja anatiny nanakaiky ny lalan'ny vavahady atsimo aho, izay nanana refy toy ny an'ireo vavahady hafa. [29]Ireo efitranony, rindriny, sy ireo lavarangany nirefy nitovy tamin'ny an'ireo vavahady hafa; nisy varavarankely nanodidina ny lavarangana. Ny vavahady anatiny sy ny lavarangany dia nirefy dimampolo hakiho ny halavany ary dimy amby roapolo hakiho ny sakany. [30]Nisy lavarangana ihany koa nanodidina ny rindrina anatiny; Ireo dia dimy amby roapolo hakiho ny halavany ary dimy hakiho ny sakany. [31]Izany lavarangana izany dia nanatrika ny kianja ivelany niaraka tamin'ny sary sokitra hazo rofia teo amin'ny rindriny ary valo dingana no niakatra nankany amin'izany.
[32]Ary dia nentin'ilay lehilahy nankany amin'ny kianja anatiny nanakaiky ny lalana atsinanana aho ka nandrefy ny vavahady, izay nanana refy nitovy tamin'ireo vavahady hafa. [33]Ireo efitranony, rindriny, sy ny lavarangany dia nirefy nitovy tamin'ireo vavahady hafa, ary nisy varavarakely nanodidina. Ny vavahady anatiny sy ny lavarangany dia nirefy dimampolo hakiho ny halavany ary dimy amby roapolo hakiho ny sakany. [34]Ny lavarangany dia nanatrika ny kianja ivelany; nisy hazo rofia teo amin'ny andaniny roa tamin'izany ary valo dingana no fiakarana nankany amin'izany.
[35]Manarak'izany dia nentin'ilay lehilahy nankany amin'ny vavahady avaratra aho ary norefesina izany; nirefy nitovy tamin'ireo vavahady hafa izany. [36]Ireo efitranony, rindriny, sy ny lavarangany dia nirefy nitovy tamin'ireo vavahady hafa, ary nisy varavarakely nanodidina. Ny fidirana amin'ny vavahady sy ny lavarangany dia nirefy dimampolo hakiho ny halavany ary dimy amby roapolo ny sakany. [37]Ny lavarangany dia nanatrika ny kianja ivelany; nisy hazo rofia teo amin'ny andaniny roa ary valo dingana no fiakarana nankany amin'izany.
[38]Nisy efi-trano nisy varavarana teo anilan'ny fidirana amin'ny vavahady anatiny tsirairay. Teo no nanasan'izy ireo ny fanatitra dorana. [39]Nisy latabatra roa isaky ny andanin'ny lavarangana tsirairay, izay namonoana ny fanatitra dorana, ary koa ny fanatitra nohon'ny ota sy ny fanati-panonerana.
[40]Teo akaikin'ny rindrin'ny kianja, miakatra mankany amin'ny vavahady tany avaratra, dia nisy latabatra roa. Teo amin'ny andaniny iray hafa koa dia nisy latabatra roa teo amin'ny lavarangan'ny vavahady. [41]Nisy latabatra efatra teo amin'ny andaniny roa akaikin'ny vavahady; namonoan'izy ireo biby teo ambonin'ireo latabatra valo.
[42]Nisy latabatra vato tapaka efatra ho an'ny fanatitra dorana, iray hakiho sy sasany ny halavany, iray hakiho sy sasany ny sakany, ary iray hakiho ny haavony. Teo amin'ireo no nametrahan'izy ireo ny fitaovana izay namonoan'izy ireo ny fanatitra dorana ho amin'ny sorona. [43]Fihantonan-javatra roa iray vodivoam-pelantanana ny halavany no namehy ny lavarangana manodidina, ary ny nofon'ireo fanatitra dia napetraka teo ambonin'ireo latabatra.
[44]Teo akaikin'ny vavahady anatiny, tao anatin'ny kianja anatiny no nisy ny efitranon'ireo mpihira. Ny iray tamin'ireo efitrano ireo dia tany avaratra, ary iray tany atsimo. [45]Koa dia hoy ilay lehilahy tamiko hoe: "Ity efitrano manatrika any atsimo ity dia ho an'ireo mpisorona izay miadidy ao an-tempoly.
[46]Ilay efitrano mitodika any avaratra kosa dia ho an'ireo mpisorona niadidy tao amin'ny alitara. Ireo dia zanaka lahin'i Zadoka izay manatona akaiky an'i Yaveh mba hanompo Azy; izy ireo dia isan'ireo zanaka lahin'i Levy." [47]Avy eo izy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

nandrefy ny kianja—zato hakiho ny halavany ary zato hakiho ny sakany amina efa-joro, niaraka tamin'ny alitara teo anoloan'ilay trano.
[48]Avy eo nentin'ilay lehilahy nankany amin'ny lavarangan'ny trano aho ka norefesina ny tolàm-baravaran'izany—dimy hakiho isaky ny andaniny ny hatevin'ireo. Ny fidirana dia efatra ambin'ny folo hakiho ny sakany, ary ireo rindrina isan-dafin'izany dia telo hakiho ny sakany. [2] [49]Ny halavan'ny lavarangana dia roapolo hakiho, ary ny halaliny dia iraika ambin'ny folo hakiho. Nisy zana-tohatra niakatra nankany amin'izany ary tsanganana nijoro teo amin'ny andaniny roan'izany. [3] [4]

---

[1]Fanamarihana: aorian'ny hoe "iray volotara ny halaliny", ny lahatsoratra Hebreo mamaky ho fanampiny hoe: "Famoloana iray, volotara iray ny halaliny". Maro amin'ireo dikateny taty aoriana, na dia izany aza no manaisotra io fomba fiteny io, satria tahaka ny hoe fiverenan'ny lahatsoratra teo aloha.
[2]Fanamarihana: Raha tokony hoe "ireo rindrina isan-dafin'izany dia telo hakiho ny sakany", ny lahatsoratra Hebreo dia mivaky hoe "Ny fidirana dia telo hakiho ny sakany", kanefa hita fa toa diso izany, raha tsaraina amin'ireo teny mialoha io andininy io.
[3]Fanamarihana: Raha tokony hoe "zana-tohatra", ireo dikan-teny sasany taloha mivaky hoe "folo dingana".
[4]Raha tokony hoe "iraika ambin'ny folo hakiho", ireo dikan-teny sasany taloha sy taty aoriana mivaky hoe "roa ambin'ny folo hakiho".

---

41 [1]Avy eo ilay lehilahy nitondra ahy ho any amin'ny toerana masin'ilay tempoly ary nandrefy ireo tolam-baravarana—enina hakiho ny sakany amin'ny lafiny rehetra. [1] [2]Ny sakan'ilay tolam-baravarana dia folo hakiho; dimy hakiho ny halavan'ny rindrina amin'ny lafiny tsirairay. Avy eo ilay lehilahy nandrefy ny refin'ilay fitoerana masina—efapolo hakiho ny halavany ary roapolo hakiho ny sakany.
[3]Avy eo ilay lehilahy nandeha tany amin'ilay toerana masina indrindra ary nandrefy ny tolam-baravarana—roa hakiho, ary enina hakiho ny sakan'ilay varavarana. Fito hakiho ny sakan'ny rindrina amin'ny lafiny rehetra. [4]Avy eo nandrefy ny halavan'ilay efitra izy—roapolo hakiho. Ny sakany—roapolo hakiho eo anoloan'ny efitrano lehiben'ny tempoly. Dia hoy izy tamiko hoe: "Ity ny toerana masina indrindra."
[5]Avy eo ilay lehilahy nandrefy ny rindrin'ilay trano—enina hakiho ny hateviny. Ny sakan'ny lafin'ny efitra tsirairay manodidina ny trano dia efatra hakiho. [6]Nisy paosin-trano nifanongoa telo, efitra iray ambonin'ny iray hafa, efitra telopolo isakin'ny ambaratonga. Nisy rindrina avo nanodidina ny rindrin'ny trano, mba hanohana ireo lafin'ny efitra rehetra, satria tsy nisy tohana napetraka teo amin'ny rindrin'ilay trano. [7]Koa niha-nalalaka ireo lafin'ny efitra ary nandeha nihodikodina niakatra, satria nihodikodina niha-avo nanodidina rehetra ilay trano; niha-nalalaka ireo efitra arakarakin'ny niakarany, ary nisy tohatra niakatra nakany amin'ny ambaratonga avo indrindra, amin'ny alalan'ny ambaratonga afovoany.
[8]Avy eo nahita tokontany nasandratra nanodidina ny trano rehetra aho, ilay fototra ho an'ny paosin-trano; nirefy eran'ny volotara ny halavan'izany—enina hakiho. [9]Ny sakan'ilay rindrin'ny paosin-trano any ivelany dia dimy hakiho. Nisy toerana malalaka teo ivelan'ireo efitra ao amin'ny fitoerana masina ireo.
[10]Teo amin'ny lafiny ilan'io toerana malalaka io dia nisy ny paosin-trano ivelany an'ny mpisorona; roapolo hakiho ny sakan'io toerana io manodidina ny fitoerana masina rehetra. [11]Nisy varavarana teo amin'ny paosin-trano mankany amin'ny toerana malalaka hafa—varavarana iray teo amin'ny lafiny avaratra, ary ny iray hafa teo amin'ny ilany atsimo. Dimy hakiho ny sakan'io toerana malalaka io manodidina rehetra.
[12]Ary ilay trano lehibe izay nanatrika ilay kianja teo amin'ny lafiny andrefana dia fitopolo hakiho ny sakany. Dimy hakiho ny refin'ny hatevin'ny rindriny manodidina rehetra, ary sivifolo hakiho ny halavany. [13]Avy eo ilay lehilahy nandrefy ilay fitoerana masina—zato hakiho ny halavany. Ary ilay trano voatokana, ny rindriny, sy ny kianja dia nirefy zato hakiho ihany koa ny halavany. [14]Zato hakiho ihany koa ny sakan'ny anoloan'ny kianja eo anoloan'ilay fitoerana masina.
[15]Avy eo ilay lehilahy nandrefy ny halavan'ny trano tao aorian'ilay fitoerana masina, teo andrefany, ary ireo lalantsara ivelany amin'ny andaniny roa—zato hakiho. Ilay fitoerana masina sy ny lavarangana, [16]ireo rindrina anatiny sy ireo varavarakely, isan'izany ireo varavarakely makarakara, ary ireo lalantsara ivelany manodidina ireo ambaratonga telo, dia samy natao tamin'ny hazo avokoa. [17]Eo ambonin'ny lalantsara mankao amin'ny fitoerana masina anatiny sy ny elanelan'ireo rindrina dia nisy hazo rofia natao sary sokitra.
[18]Voaravaka kerobima sy hazo rofia izany; miaraka amin'ny hazo rofia eo anelanelan'ny kerobima tsirairay, ary ny kerobima tsirairay dia nanana tarehy roa: [19]tarehin-dehilahy iray manatrika hazo rofia ny eo amin'ny andaniny, ary tarehina liona tanora mijery manatrika hazo rofia ny eo amin'ny ankilany. Voasokitra manodidina ny trano rehetra ireo.
[20]Avy eo amin'ny tany mankany ambonin'ny vavahady, dia nisy kerobima sy hazo rofia voasokitra teo amin'ny rindrina ivelan'ny trano.
[21]Efa-joro ny tolan'ny toerana masina. Ny endrik'ireo dia toy ny endriky [22]ny alitara vita amin'ny hazo anoloan'ilay toerana masina, izay telo hakiho ny haavony ary roa hakiho ny halavany amin'ny lafiny tsirairay. Ny zorony, fotony, ary ny rafitrany dia vita tamin'ny hazo. Avy eo ilay lehilahy niteny tamiko hoe: "Ity no latabatra izay mijoro eo anatrehan'i Yaveh." [2] [23]Nisy varavarana roa ho an'ilay toerana masina sy ilay toerana masina indrindra. [24]Ireo varavarana ireo dia samy kopa-droa, lela-varavarana roa amin'ny varavarana iray ary lela-varavarana roa amin'ny iray hafa.
[25]Voasokitra teo amin'izy ireo—teo amin'ireo varavaran'ilay toerana masina—ny kerobima sy hazo rofia tahaka ny nandravahana an'ireo rindrina, ary nisy tafo hazo teo amin'ny lavarangana eo anoloana. [26]Nisy varavarakely makarakara sy hazo rofia teo amin'ny lafin'ny lavarangana rehetra. Ireo no paosin-tranon'ilay trano, ary nanana tafo mihoatra ihany koa ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Aorian'ny hoe: "enina hakiho ny sakany amin'ny lafiny rehetra" ny ankamaroan'ny dika-teny taloha sy ny sasany amin'ireo dikateny amin'izao dia manampy hoe: "ny sakan'ny lay"
[2]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Ny endrik'ireo dia toy ny endriky ny alitara vita amin'ny hazo anoloan'ilay fitoerana masina, izay", ny dikateny sasany amin'izao fotoana dia manao hoe: "Mitovy endrika avokoa izy rehetra. Ilay alitara vita amin'ny hazo eo anoloan'ilay fitoerana masina dia"

42 [1]Taorian'izay dia nentin'ny lehilahy nivoaka tany amin'ny kianja ivelany tany amin'ny lafiny avaratra aho, ary nentiny tao amin'ny efi-trano tandrifin'ilay kianja ivelany sy ny rindrina avaratra ivelany. [2]Ireo efi-trano ireo dia zato hakiho ny eo anoloany ary dimampolo hakiho ny sakany. [3]Ny sasany amin'ireo efitrano ireo dia manatrika ny kianja anatiny ary roapolo hakiho ivelan'ny fitoerana masina. Ambaratongan-trano telo no tao, ary ireo ambony dia nijery ambany amin'ireo ambany ary nisokatra tamin'izy ireo, manana lalantsara. Ny efitrano sasany dia nitzana teo amin'ny kianja ivelany.
[4]Lalana folo hakiho no teo amin'ny sakany ary zato hakiho ny sakany no mankeo alohan'ireo efi-trano. Nanatrika ny avaratra ny varavaran'ireo efitrano. [1][5]Fa ireo efitrano ambony dia kelikely, ny lalantsara dia naka toerana malalaka noho ny ambany sy ny afovoan'ny ambaratongan'ny trano be. [6]Fa ireo efitrano any amin'ny rihana fahatelo dia tsy nanana andry, tsy tahaka ireo kianja, izay tokony hanana andry. Koa ny ambaratongan'ny efitrano avo indrindra dia kely habe raha mihoatra amin'ireo efitrano any ambany indrindra sy ireo ambaratonga afovoany.
[7]Ny rindrina any ivelany dia nanaraka ny efitra manatrika ny kianja ivelany, ilay kianja izay manoloana ireo efitrano. Izany rindrina izany dia dimampolo hakiho ny halavany. [8]Ny halavan'ireo efitranon'ny kianja ivelany dia dimampolo hakiho, ary ireo efitrano manatrika ny fitoerana masina dia zato hakiho ny halavany. [9]Nisy fidirana teo amin'ny efitrano ambany indrindra mankany amin'ny lafiny atsinanana, miditra avy ao amin'ny kianja ivelany.
[10]Nanerana ny rindrin'ny kianja ivelany ao amin'ny lafiny atsinanan'ny kianja ivelany, nanoloana ny kianja anatin'ny fitoerana masina, dia nisy efitrano ihany koa [2] [11]niaraka tamin'ny lalana nanoloana azy ireo. Izy ireo dia endrik'ireo efitrano amin'ny lafiny avaratra. Nitovy ny halavan'izy ireo sy ny sakany ary ireo fivoahana sy ireo fifanarahana ary ireo varavarana. [12]Teo amin'ny lafiny atsimo no nisy ireo varavarana eo amin'ny efitrano izay mitovy amin'ny eo amin'ny lafiny avaratra. Ny lalana ao anatiny dia nisy varavarana teo amin'ny lohany, ary ilay lalana dia nisokatra ho an'ireo efitrano isan-karazany. Teo amin'ny lafiny atsinanana dia nisy vavahady nankao amin'ny lalana mankany amin'ny farany iray.
[13]Dia hoy ilay lehilahy tamiko hoe: "Ny efitrano avaratra sy ny efitrano atsimo izay manoloana ny kianja ivelany dia efitrano masina izay hihinanan'ireo mpisorona izay miasa eo akaikin'i Yaveh ny sakafo masina indrindra. Ao no ametrahan'izy ireo ny zavatra izay masina indrindra—ny fanatitra sakafo, ny fanatitra nohon'ny ota, ary ny fanatitra nohon'ny heloka—satria toerana masina io. [14]Raha miditra ao ny mpisorona, aoka izy ireo tsy hiala ao amin'ny toerana masina ho any kianja ivelany, raha tsy mametraka akaiky ny fitafiana izay nanompoan'izy ireo, satria masina ireo. Koa aoka izy ireo hitafy fitafiana hafa mialoha ny fanatonana olona."
[15]Vitan'ilay lehilahy ny fandrefesana ny tao anatin'ny trano ary nentiny nivoaka tany amin'ny vavahady izay manatrika ny atsinanana aho ary norefesiny ny faritra manodidina rehetra teny.
[16]Nandrefy ny lafiny atsinanana tamin'ny volotara fandrefesana izy—diman-jato hakiho tamin'ny volotara fandrefesana. [3]
[17]Norefesiny ny lafiny avaratra—diman-jato hakiho tamin'ny volotara fandrefesana. [4] [18]Norefesiny ihany koa ny lafiny atsimo—diman-jato hakiho tamin'ny volotara fandrefesana. [5] [19]Navadiny sy norefesiny koa ny lafiny andrefana—diman-jato hakiho tamin'ny volotara fandrefesana. [6]
[20]Norefesiny tamin'ny lafiny efatra izany. Nanana rindrina manodidina azy izany izay diman-jato hakiho ny halavany, ary diman-jato hakiho ny sakany, mba hampisarahana ny masina amin'izay iombonana.

[1]Fanamarihana: Ny dikateny taloha sasany sy ny dikan-teny vaovao maro mivaky hoe: "zato hakiho". Ny sora-tanana Hebreo taloha sy ny dikan-teny vaovao sasany mivaky hoe: "iray hakiho".
[2]Fanamarihana: Ny Hebreo sy ny dikan-teny vaovao mivaky hoe "eo amin'ny lafiny atsinanana'. Na izany aza, ny sora-tanana sasany taloha sy ny ankamaroan'ny dikan-teny vaovao dia mivaky hoe "eo amin'ny lafiny atsimo".
[3]Fanamarihana: Raha tokony hoe "diman-jato hakiho", izay vakian'ny dikan-teny fahiny sasany sy ny ankamaroan'ny dikan-teny vaovao, ny Hebreo mamaky hoe: "Diman-jato amin'ny volotara fandrefesana", izay toa fahadisoana.
[4]Fanamarihana: "Raha tokony hoe: "Diman-jato hakiho", izay vakian'ny dikan-teny fahiny sasany sy ny ankamaroan'ny dikan-teny vaovao, ny Hebreo mamaky hoe: "Diman-jato amin'ny volotara fandrefesana, izay toa fahadisoana.
[5]Fanamarihana: "Raha tokony ho "Diman-jato hakiho", izay vakin'ny ny dikan-teny fahiny sasany sy ny ankamaroan'ny dikan-teny vaovao, ny Hebreo mamaky hoe: "Diman-jato hakiho tamin'ny volotara fandrefesana", izay toa fahadisoana.
[6]Fanamarihana: "Raha tokony hoe "Diman-jato hakiho", izay vakian'ny dikan-teny fahiny sasany sy ny ankamaroan'ny dikan-teny vaovao, ny Hebreo mamaky hoe: "Diman-jato tamin'ny volotara fandrefesana", izay toa fahadisoana.

43 [1]Avy eo ilay lehilahy nitondra ahy teo amin'ny vavahady izay nisokatra niatsinanana. [2]Indro! Tonga avy any atsinanana ny voninahitr'ilay Andriamanitr' Israely; tahaka ny feon'ny rano maro ny feony, ary namiratry ny voninahiny ny tany.
[3]Izany dia araka ny fisehoan'ny fahitana izay hitako, araka ny fahitana izay hitako raha tonga handrava ny tanàna Izy, ary ireo fahitana dia tahaka ny fahitana izay hitako tao amin'ny Lakan-dranon'i Kebara—ary niankohoka tamin'ny tavako

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

aho. [1]. [4]Koa tonga tao an-trano tamin'ny lalana mankany am-bavahady izay nisokatra niatsinanana ny voninahitr'i Yaveh.
[5]Dia nanainga ahy ny Fanahy ary nitondra ahy tao anatin'ny kianja. Indro! Nameno ny trano ny voninahitr'i Yaveh.
[6]Nijoro teo akaikiko ilay lehilahy, ary nandre olon-kafa niresaka tamiko avy tao an-trano aho. [7]Hoy Izy tamiko: "Ry zanak'olona, ity no fitoeran'ny seza fiandrianako sy fitoeran'ny faladian-tongotro, izay hipetrahako eo afovoan'ny vahoakan'Israely mandrakizay. Tsy hanimbazimba ny anarako masina intsony ny ankohonan'Israely—izy ireo na ny mpanjakan'izy ireo—amin'ny tsy finoana na amin'ny fatin'ireo mpanjakany teo amin'ireo toerana avony. [8]Tsy hanimbazimba ny anarako masina amin'ny fametrahana ny tokonam-baravaran'izy ireo akaikin'ny tokonam-baravarako intsony izy ireo, ary ireo tsanganam-bavahadin'izy ireo akaikin'ny tsanganam-bavahadiko, na amin'ny inona na inona afa-tsy manda iray eo anelanelako sy izy ireo. Nanimbazimba ny anarako masina tamin'ireo asa maharikorikony izy ireo, koa handevona azy ireo amin'ny fahatezerako Aho.
[9]Ankehitriny aoka izy ireo hanala ny tsy finoan'izy ireo sy ireo fatin'ny mpanjakany eo anoloako, dia hipetraka eo afovoan'izy ireo mandrakizay Aho.
[10]Ry zanak'olona, ianao mihitsy no aoka hilaza momba izany trano izany amin'ny ankohonan'Israely mba ho menatra noho ireo helony izy ireo. Tokony hihevitra momba izany famaritana izany izy ireo. [11]Fa raha menatra noho izay rehetra nataony izy ireo, dia ambarao amin'izy ireo ny sarin-trano, ny antsipirihany, ny fivoahany, ny fidirany, sy ny sariny rehetra, ary ny didy aman-dalàny rehetra. Dia soraty eo imason'izy ireo izany mba hitandremany ny sarin'izany sy ny didin'izany rehetra, ka hankato ireny.
[12]Izao no fitsipika ho an'ny trano: Hatreny amin'ny tampon'ny havoana manodidina ny faritra rehetra manodidina izany, dia ho masina indrindra. Indro! Izany no ho fitsipika ho an'ny trano.
[13]Ireto no ho refin'ny alitara amin'ny hakiho—izany hakiho izany dia ho hakiho mahazatra ary vodivoam-pelatanana amin'ny halavany. Koa ny fantsona manodidina ny alitara dia ho hakiho lalina, ary ny sakany dia ho hakiho iray ihany koa. Ny faritra manodidina ny sisiny manodidina dia ho irain-jehy. Izany no ho fototry ny alitara. [14]Avy eo amin'ny fantsona miakatra any amin'ny rindrina avo amin'ny alitara dia roa hakiho, ary ny rindrina dia iray hakiho ny sakany. Ary avy eo amin'ny rindrina kely miakatra amin'ny velaran'ny sisin'ny alitara, dia efatra hakiho izany, ary ny velaran'ny sisiny dia iray hakiho ny sakany.
[15]Ny fatana eo amin'ny alitara ho an'ny fanatitra dorana dia efatra hakiho ny halavany, ary misy tandroka efatra manondro miakatra eo amin'ny fatana. [16]Ny fatana dia roa ambin'ny folo hakiho ny halavany ary roa ambin'ny folo hakiho ny sakany, efa-joro. [17]Ny faritr'izany dia efatra ambin'ny folo hakiho ny halavany ary efatra ambin'ny folo ny sakany amin'ny lafiny efatra tsirairay avy, ary ny morony dia antsasa-hakiho. Ny fantsona dia iray hakiho ny sakany manodidina rehetra ary ireo zana-tohatr'izany dia mitodika any atsinanana."
[18]Manarak'izany dia hoy Izy tamiko hoe: "Ry zanak'olona, izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Ireto no fitsipika ho an'ny alitara amin' ny andro anaovan'izy ireo izany, ho an'ny fanandratana ny fanatitra dorana ao anatin'izany, ary ho an'ny famafazan-drà eo amin'izany. [19]Hanolotra omby lahy avy amin'ny biby fiompy ho fanatitra nohon'ny ota ho an'ireo mpisorona Levita izay taranak'i Zadoka ianao, dia ireo izay nanakaiky Ahy mba hanompo Ahy—izany ny fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[20]Avy eo ianao haka ny sasany amin'ny ràn'izany ary hametraka izany eo amin'ny alitaran'ny tandroka efatra sy ny lafy efatry ny sisiny ary eo amin'ny morony manodidina; hanadio izany ianao ka hanao fanavotana ho an'izany. [21]Dia makà omby lahy ho fanatitra nohon'ny ota ka dory eo amin'ny faritra voatendry ao amin'ny faritry ny tempoly ivelan'ny fitoerana masina izany.
[22]Ary amin'ny andro faharoa ianao dia hanolotra osy lahy tsy misy kilema avy amin'ireo osy ho fanatitra nohon'ny ota; hanadio ny alitara tahaka ny nanadiovany izany tamin'ny omby lahy ireo mpisorona. [23]Rehefa vitanao ny fanadiovana izany, dia manolora omby lahy tsy misy kilema avy amin'ny biby fiompy ary ondry lahy tsy misy kilema avy amin'ny ondry aman'osy. [24]Atolory eo anatrehan'i Yaveh ireo; dia handraraka sira eo amin'ireo ny mpisorona ka hanandratra ireo ho fanatitra dorana ho an'i Yaveh.
[25]Manomàna ianao osy lahy ho fanatitra nohon'ny ota isan'andro mandritry ny hafitoana, ary aoka ireo mpisorona hanomana omby lahy tsy misy kilema amin'ny biby fiompy ary ondry lahy tsy misy kilema avy amin'ny ondry aman'osy ihany koa. [26]Aoka izy ireo hanonitra ny alitara hateloana ka hanadio izany, ary amin'izany fomba izany no hanamasinan'izy ireo izany. [27]Aoka hameno ireo andro ireo izy ireo, ary amin'ny andro fahavalo sy manaraka izany dia hanomana ny fanatitra doranareo sy ny fanati-pihavananareo eo amin'ny alitara ireo mpisorona, dia hankasitraka anareo Aho—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "rehefa tonga Izy", izay vakian'ny dikan-teny Hebreo sasany ary dikan-teny taloha sasany sy vaovao maro, ny Hebreo mamaky hoe: "rehefa tonga Aho"

---

44 [1]Dia nitondra ahy niverina tany amin'ny vavahady ivelan'ny fitoerana masina izay manatrika miatsinanana ilay lehilahy; nihidy mafy izany. [2]Hoy Yaveh tamiko hoe: "Voatombo-kase io vavahady io; tsy ho voasokatra izany. Tsy hisy olona handalo eo amin'izany, satria Yaveh, ilay Andriamanitr'Israely, no nandalo tamin'izany, ka dia voahidy mafy izany.
[3]Ny mpanapak'Israely dia hipetraka amin'izany mba hihinan-kanina eo anoloan'i Yaveh. Hiditra amin'ny lalan'ny lavarangan'ny vavahady izy ary hivoaka amin'iny lalana iny ihany."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Avy eo dia nentiny tamin'ny lalan'ny vavahady avaratra izay manatrika ny trano aho. Ka nijery aho ary indro, ny voninahitr'i Yaveh nameno ny tranon'i Yaveh, ary nikarapoka niankohoka aho. [5]Dia hoy Yaveh tamiko hoe: "Ry zanak'olona, mandiniha tsara ary mijere amin'ny masonao ary mihainoa amin'ny sofinao ny amin'izay rehetra efa ambarako aminao, ny amin'ny lalàn'ny tranon'i Yaveh rehetra sy ny didy amam-pitsipik'izany rehetra. Saino ny momban'ny fidirana sy ny fivoahana ao amin'ilay trano.
[6]Ary lazao amin'ireo izay mpikomy, ny ankohonan'Israely hoe: 'Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Aoka ho ampy anareo ireo asa maharikorikonareo rehetra, ry ankohonan'Israely— [7]izay nitondranareo vahiny tsy mifora fo sy tsy mifora nofo mba ho ao amin'ny fitoerako masina, maniratsira ny tranoko, raha nanolotra sakafo ho Ahy ianareo, sabora sy rà—nanapaka ny fanekem-pihavanako tamin'ireo fihetsikareo maharikoriko rehetra ianareo.
[8]Tsy nanatanteraka ireo adidinareo momban'ny zavatro masina ianareo, fa nanendry olon-kafa ianareo mba haka ireo adidinareo, ary nanendry azy ireo mba hikarakara ny fitoerako masina. [9]Hoy ny Tompo Yaveh hoe: Tsy misy vahiny, tsy voafora fo sy nofo, avy amin'izay monina eo amin'ny vahoakan'Israely, afaka hiditra eo amin'ny fitoerako masina.
[10]Ankehitriny dia nanalavitra Ahy ireo Levita—nirenireny niala tamiko izy ireo, manara-dia ireo sampiny—fa hanefa ny amin'ny fahotan'izy ireo izy ireo. [11]Mpanompo ao amin'ny fitoerako masina izy ireo, miandry ny vavahadin'ny trano sy manompo ao amin'ny trano ary mamono ny fanatitra dorana sy ny soron'ny vahoaka izy ireo, ary hijoro manoloana ny vahoaka izy ireo ka hanompo azy ireo. [12]Nefa noho izy ireo efa nanatanteraka ny soron'izy ireo nanoloana ireo sampiny, dia tonga vato manafintohina eo anoloako nohon'ny ota tamin'ny vahoakan'Israely izy ireo. Noho izany dia hatsangako ny tanako hianiana fianianana hanohitra azy ireo—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh—hitondra ny saziny izy ireo.
[13]Tsy hanatona akaiky Ahy mba hiasa toy ny mpisoroko na hanatona izay mety ho zavatro masina izy ireo, ireo zavatra masina indrindra. Fa kosa, hitondra ny fahafam-barakany sy ny heloky ny asa maharikoriko izay nataony izy ireo. [14]Fa hapetrako ho mpiambina ny asa ao amin'ny trano izy ireo, ny amin'ny adidin'izany rehetra sy izay rehetra atao anatin'izany.
[15]Ary ireo Levita mpisorona, dia ireo zanak'i Zadoka izay nanatanteraka ny adidin'ny fitoerako masina raha nirenireny niala tamiko ny vahoakan'Israely—hanatona akaiky Ahy izy ireo mba hanompo Ahy. Hitsangana manoloana Ahy izy ireo mba hanolotra ny sabora sy ny rà—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. [16]Ho avy ao amin'ny fitoerako masina izy ireo; hanatona ny latabatro mba hanompo Ahy izy ireo ary hanatanteraka ireo adidiny Amiko.
[17]Noho izany rehefa manatona ny vavahadin'ny kianja anatiny izy ireo, dia mila mitafy lamba rongony fotsy, satria izy ireo tsy mahazo miditra miaraka amin'ny volon'ondry ao anatin'ny vavahadin'ny kianja anatiny sy ny tranon'izany.
[18]Tokony hisy hamama rongony fotsy ny lohan'izy ireo ary atin'akanjo rongony fotsy eo amin'ny valahany. Aoka izy ireo tsy hitafy akanjo izay mampahatsemboka azy ireo.
[19]Rehefa mivoaka ho eo amin'ny kianja ivelany izy ireo, ho eo amin'ny kianja ivelany mba handeha ho any amin'ny vahoaka, dia aoka hanala ny akanjo izay nanaovany tamin'izy ireo nanompo; aoka ho esorin'izy ireo izany ary hapetrak'izy ireo ambany ao amin'ny efitra masina, ka tsy hamela olon-kafa ho masina amin'ny fikasohana ny akanjony miavaka izy ireo.
[20]Ary koa aoka izy ireo tsy hanaratra ny lohan'izy ireo na hamela ny volon'izy ireo hiraviravy an-kalalahana, fa aoka izy ireo hikarakara ny volon-dohan'izy ireo. [21]Tsy tokony hisy mpisorona hisotro divay raha mankeo amin'ny kianja anatiny,
[22]na haka mpitondratena na vehivavy nisara-bady ho vadiny, fa virijiny avy amin'ny ankohonan'Israely ihany na mpitondratena izay nanambady mpisorona teo aloha.
[23]Fa hampianatra ny oloko ny fahasamihafana eo amin'ny masina sy tsy masina izy ireo; hampahafantatra azy ireo ny maloto amin'ny madio izy ireo. [24]Amin'ny fifandirana no hitsanganan'izy ireo hitsara miaraka amin'ireo didiko; aoka ho marina izy ireo. Hitandrina ny lalàko sy ireo didiko izy ireo amin'ny fanasana rehetra, ary hankalaza ny Sabatako masina izy ireo.
[25]Tsy handeha any amin'ny fatin'olona mba ho lasa maloto izy ireo, raha tsy hoe ray na renin'izy ireo izany, zanaka lahy na zanaka vavy, rahalahy na anabavy izay tsy mbola niara-nandry tamin'ny lehilahy; raha tsy izany, hanjary maloto izy ireo. [26]Aorian'ny mampaloto ny mpisorona, dia hanisa hafitoana ho azy izy. [27]Amin'ny andro izay idirany ao amin'ny toerana masina, ao amin'ny kianja anatiny mba hanompo ao amin'ny toerana masina, dia aoka hitondra fanatitra nohon'ny ota ho azy izy—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[28]Izao no ho lovan'izy ireo: Izaho no lovan'izy ireo, ary aoka ianareo tsy hanome fananana eo amin'Israely ho azy ireo; Izaho no ho fananan'izy ireo! [29]Hihinana ny fanatitra hohanina izy ireo, ny fanatitra nohon'ny ota, ny fanatitra nohon'ny heloka, ary izay rehetra feno fanoloran-tena ho an'i Yaveh ao Israely, dia ho azy ireo.
[30]Ny tsara indrindra amin'ireo voaloham-bokatra amin'ny zavatra rehetra sy ny fandraisana anjara rehetra, na inona na inona avy amin'ny fandraisanareo anjara rehetra dia ho an'ny mpisorona, ary hanome ny tsara indrindra amin'ny fanatitra sakafonareo ho an'ny mpisorona ianareo mba hitoeran'ny fitahiana ao an-tranonareo. [31]Ireo mpisorona dia tsy hihinana fatim-biby na biby voaviravira, na vorona na biby.

45 [1]Rehefa miloka mba hizarana ny tany ho lova ianareo, dia aoka hanao fanatitra ho an'i Yaveh; io fanatitra io dia ho zara masin'ilay tany, dimy arivo sy roa alina hakiho ny halavany, ary iray alina hakiho ny sakany. Ho masina izany,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ny faritra rehetra manodidina izany. [1] [2]Avy eo amin'zany dia hisy efa-joro izay mirefy dimanjato hakiho tora-droa manodidina ny toerana masina, miaraka amin'ny rafitra manodidina izay mirefy dimapolo hakiho ny sakany.
[3]Avy eo amin'io faritra io no handrefesanao ampahany iray izay dimy arivo sy roa alina hakiho ny halavany ary iray alina ny sakany; [4]ho fitoerana masina izany, ilay toerana masina indrindra. Ho toerana masina ao amin'ny tanin'ireo mpisorona izay manompo an'i Yaveh izany, izay nanatona akaiky an'i Yaveh mba hanompo Azy. Ho toeran'ny tranon'izy ireo izany ary faritra masina ho an'ny toerana masina. [5]Koa ho dimy arivo sy roa alina hakiho ny halavany ary iray alina ny sakany, ary ho tanàn-dehibe ho an'ireo Levita izay manompo ao amin'ny trano izany.
[6]Hanondro faritra ho an'ilay tanàna ianao, dimy arivo hakiho ny sakany ary dimy arivo sy roa alina ny halavany, izany dia ho eo akaikin'ilay faritra voatokana ho an'ny toerana masina; izany tanàna izany dia ho an'ny ankohonan'Israely. [7]Ny tanin'ny andriandahy dia ho eo amin'ny andaniny roa an'ilay faritra voatokana ho an'ny toerana masina sy ny tanàna. Ho eo amin'ny andrefany sy eo amin'ny atsinanany izany. Ny halavany dia hitovy amin'ny halavan'ny iray amin'ireo ampahany ireo, avy any andrefana mankany atsinanana.
[8]Izany tany izany dia ho fananan'ny andriandahy any Israely. Ireo andriandahiko dia tsy hampaory ny vahoakako intsony; fa kosa, hanome ny tany ho an'ny ankohonan'Israely, ho an'ny fokon'izy ireo.
[9]Ny Tompo Yaveh dia milaza izao: Ampy izay, ry andriandahin'Israely! Esory ny herisetra sy ny fifandirana; manaova ny rariny sy ny fahamarinana! Hialao ny fandroahanao ny vahoakako! —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. [10]Aoka ianareo hanana mizana marina, efaha marina, ary bata marina! [11]Ny efaha sy ny bata dia hitovy fatra, mba ho ampahafolon'ny homera iray ny bata iray; ny efaha dia ho ampahafolon'ny homera iray. Ny fandrefesana azy ireo dia hitovy amin'ny homera. [12]Ny sekely iray dia ho roapolo gera; ny sekely enimpolo dia ho mina iray ho anareo.
[13]Izao no fandraisana anjara tsy maintsy asehonareo: ny ampaha-enin'ny efaha iray isaky ny homeram-bary tritika rehetra, ary hanome ampaha-enin'ny efaha iray isaky ny homeram-bary hordea ianareo. [14]Ny lalàn'ny fanatitra diloilo dia ampaha-folon'ny bata iray isaky ny kora (izay bata folo), na isaky ny homera iray, satria ny homera iray dia bata folo ihany koa. [15]Ondry na osy iray avy amin'ny ondry aman'osy isaky ny biby roanjato rehetra avy amin'ny faritra lonak'Israely no hampiasaina amin'ny fanaovana fanatitra dorana na fanati-pihavanana hanaovana fanavotana ny vahoaka—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[16]Ny vahoaka rehetra eo amin'ilay tany dia hanao izao fandraisana anjara izao ho an'ny andriandahy any Israely. [17]Ho andraikitry ny andriandahy ny mamatsy ireo biby ho amin'ireo fanatitra dorana, ireo fanatitra hohanina, ary ireo fanatitra sotroina amin'ny firavoravoana sy ny fankalazana ny volana vaovao, ary amin'ny andro sabata—ny firavoravoana efa voatondron'ny taranak'Israely rehetra. Hamatsy amin'ireo fanatitra nohon'ny ota izy, ireo fanatitra voa, ireo fanatitra dorana, ary ireo fanati-pihavanana ho amin'ny fanavotana ho an'ny ankohonan'Israely.
[18]Ny Tompo Yaveh dia milaza izao: Amin'ny volana voalohany, amin'ny andro voalohan'ny volana, dia haka omby lahy tsy misy kilema avy amin'ny omby ianao ary hanao fanatitry ny ota ho an'ny fitoerana masina. [19]Ny mpisorona dia haka ny sasany amin'ny ràn'ny fanatitra nohon'ny ota ary hametraka izany eo amin'ny tolam-baravaran'ny trano sy eny amin'ny sisin'ireo zorony efatry ny sisin'ny alitara, ary eny amin'ny tolam-bavahadin'ny kianja anatiny. [20]Ho ataonao isaky ny fahotana tsy nahy na tamin'ny tsy fahalalalan'ny olona iray izany amin'ny andro fahafiton'ny volana; hanavotra ny tempoly ianao amin'izany.
[21]Amin'ny volana voalohany amin'ny andro fahefatra ambin'ny folon'ny volana, dia hisy firavoravoana ho anareo, firavoravoana hafitoana. Hihinana mofo tsy misy lalivay ianao. [22]Amin'io andro io, ny andriandahy dia hanomana omby lahy iray ho fanatitra nohon'ny ota ho an'ny tenany sy ho an'ny vahoaka rehera amin'ny tany.
[23]Mandritry ny firavoravoana hafitoana, ny andriandahy dia hanomana fanatitra dorana ho an'i Yaveh: omby lahy fito sy ondry lahy tsy misy kilema fito isan'andro mandritry ny hafitoana, ary osy lahy iray isan'andro ho fanatitra nohon'ny ota.
[24]Avy eo ny andriandahy dia hanao fanatitra hohanina iray efaha isaky ny omby lahy ary iray efaha isaky ny ondry lahy miaraka amin'ny diloilo hina iray isaky ny efaha.
[25]Amin'ny volana fahafito amin'ny andro fahadimy ambin'ny folon'ny volana, any amin'ny firavoravona, dia hanao fanatitra mandritr'ireo fito andro ireo ny andriandahy: fanatitra nohon'ny ota, fanatitra dorana, fanatitra hohanina, ary fanatitry ny diloilo.

---

[1] Fanamarihana: raha tokony ho "iray alina" ny ao amin'ny lahatsoratra hebreo sy ny sasany amin'ireo andiany vaovao dia misy amin'ireo dikan-teny taloha sy andiany vaovao maro no manao hoe: "roa alina".

---

46 [1]Izao no tenin'ny Tompo Yaveh: Ny vavahadin'ny kianja anatiny, manatrika ny atsinanana, dia hakatona mandritry ny enina andro amin'ny fiasana, fa ho sokafana kosa izany amin'ny Sabata, sy amin'ny andron'ny voaloham-bolana.
[2]Hiditra ny ivelan'ny kianja amin'ny lalan'ny vavahady sy ny lavarangana avy any ivelan'izany ny andriandahy, ary hitsangana manoloana ny tolam-baravaran'ny vavahady anatiny raha mbola manao ny fanatiny dorana sy ny fanati-pihavanana ny mpisorona. Dia hanome voninahitra eo an-tokonam-baravaran'ny vavahady anatiny izy ary hivoaka, fa tsy hakatona ny vavahady mandra-pahariva.
[3]Ny vahoakan'ny tany ihany koa dia manompo eo anatrehan'i Yaveh eo amin'ny fidirana amin'io vavahady io amin'ny Sabata sy ireo voaloham-bolana. [4]Ny fanatitra dorana izay atolotry ny andriandahy ho an'i Yaveh amin'ny andro Sabata dia zanak'ondry enina tsy misy kilema ary osy lahy tsy misy kilema. [5]Ny fanatitra vary miaraka amin'ny osy lahy dia ho

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

efaha iray, ary ny fanatitra vary miaraka amin'ireo zanak'ondry dia izay iriany omena, ary diloilo iray hina isaky ny vary iray efaha.
6 Amin'ny andron'ny voaloham-bolana dia aoka izy hanolotra omby tsy misy kilema avy amin'ny andian'omby,
zanak'ondry enina, ary osy lahy tsy manan-kilema. 7 Aoka izy hanao fanatitra voa iray efaha isam-batotr'ombalahy ary
iray efaha ho an'ny ondry lahy, ary izay iriany ho an'ireo zanak'ondry, ary diloilo iray hina isan'efaham-bary rehetra.
8 Rehefa miditra amin'ny lalan'ny vavahady sy ny lavarangany ny andriandahy, dia aoka izy hiala amin'ny lalana
nalehany ihany.
9 Fa rehefa tonga eo anatrehan'i Yaveh amin'ireo firavoravoana voatondro ny olon'ny tany, na iza na iza miditra amin'ny
vavahady avaratra mba hanompo dia aoka hivoaka amin'ny vavahady atsimo; ary na iza na iza miditra amin'ny
vavahady atsimo dia aoka hivoaka amin'ny vavahady avaratra. Tsy misy olona afaka miverina any amin'ny vavahady
izay nidirany, fa tsy maintsy mivoaka mahitsy izy. 10 Aoka ho eo afovoan'izy ireo ny andriandahy; rehefa miditra ao izy
ireo, dia tsy maintsy miditra izy, ary rehefa miala izy ireo, dia tsy maintsy miala izy.
11 Ao amin'ireo firavoravoana, aoka ho efaham-bary iray isam-batotr'ombilahy sy efaha isan'ondry lahy ny fanatitra vary,
ary na inona na inona iriany omena miaraka amin'ireo zanak'ondry, ary diloilo iray hina isan-kefaha. 12 Rehefa manome
fanatitra an-tsitrapo ny andriandahy, na fanatitra dorana na fanati-pihavanana ho an'i Yaveh, dia ho sokafana ho azy ny
vavahady izay manatrika ny atsinanana. Hanolotra ny fanatiny dorana na ny fanati-pihavanany tahaka ny ataony
amin'ny andro Sabata izy. Avy eo dia tsy maintsy hivoaka izy, ary aorian'ny hivoahany dia hakatona ny vavahady.
13 Fanampin'izany, hanome zanak'ondry tsy misy kilema erintaona ho fanatitra dorana ho an'i Yaveh isan'andro ianao;
hanao izany isa-maraina ianao. 14 Hanome fanatitra vary miaraka amin'izany isa-maraina ianao, ny ampahenina amin'ny
efaha ary ny ampahatelon'ny diloilo iray hina mba handemana ny koban'ny fanatitra vary ho an'i Yaveh, araka ny lalàna
maharitra. 15 Hikarakara ny zanak'ondry, ny fanatitra voa, ary ny diloilo isa-maraina, fanatitra dorana maharitra izy ireo.
16 Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Raha manome fanomezana ho an'ny anankiray amin'ireo zanany lahy ny andriandahy,
lova izany. Ho fananan-janany izany, lova izany. 17 Fa raha manome fanomezana avy amin'ny lovany ho an'ny iray
amin'ireo mpanompony izy, dia ho an'ilay mpanompo izany ambara-pahatongan'ny taona fahafahana, ary avy eo dia
hiverina any amin'ilay andriandahy izany. Ireo lovany dia ho an'ireo zanany lahy tokoa. 18 Tsy haka ny lovan'ny olona
amin'ny zara-taniny ihany ny andriandahy; tsy maintsy hanome avy amin'ny zara-taniny ho an'ireo zanany lahy izy mba
tsy hielezan'ireo oloko, ireo olona tsirairay avy amin'ny zara-taniny ihany.'"
19 Ary avy eo nitondra ahy teo amin'ny fidirana teo amin'ny vavahady mankao amin'ireo efitra masin'ireo mpisorona ilay
olona, izay nanatrika ny avaratra ary indro! Nisy toerana tany andrefana. 20 Hoy izy tamiko hoe: "Ity no toerana izay tsy
maintsy hahandroan'ireo mpisorona ny fanati-panonerana sy ny fanatitra nohon'ny ota ary izay tsy maintsy
hanendasan'izy ireo ny fanatitra voa. Tsy tokony hitondra ny fanatitra ao ivelan'ny kianja izy ireo, fa avy eo dia ho
hamasinina ny vahoaka.
21 Avy eo dia nitondra ahy tany amin'ny kianja ivelany izy ary nentiny tany amin'ny zorony efatr' izany kianja izany aho,
ary hitako fa nisy fitsarana hafa tamin'ny zoron'ny kianja rehetra. 22 Amin'ireo zorony efatry ny kianja ivelany dia nisy
kianja kely efatra, efapolo hakiho ny halavany ary telopolo ny velarany. Refy mitovy avy ho an'ireo kianja efatra rehetra. 1
23 Misy toerana natao tamin'ny vato nanodidina ny efatra tamin'izy ireo, ary ny fatana fandrahoana dia tao amban'ny
laharam-bato. 24 Hoy ilay lehilahy tamiko hoe: "Ireo no toerana izay hahandroan'ny mpanompon'ny tempoly ny soron'ny
vahoaka."

---

1 Fanamarinana: Ny teny Hebreo hoe "kely" eto dia tsy mazava. Izany dia nadika tamin'izany fomba izany tamin'ny dikan-teny taloha sy taty aoriana. Na izany aza, mandika izany amin'ny fomba hafa ny dikan-teny taty aoriana.

---

47 1 Avy eo ilay lehilahy dia nitondra ahy nankao amin'ny fidirana ao amin'ny tempoly, ary nisy rano nikoriana avy ao
ambanin'ny tokonam-baravaran'ny trano amin'ny atsinanan'ny tempoly—teo anoloan'ny tempoly manatrika ny
atsinanana—ary ny rano dia nikoriana nankany amin'ny ilany atsimon'ny tempoly, mankany an-kavanan'ny alitara. 2 Koa
nentiny nivoaka tamin'ny vavahady andrefana aho ary nanodidina ny vavahady manatrika ny atsinanana, ary nisy rano
nikoriana avy amin'io vavahady io tamin'ny ilany atsimo.
3 Raha nandeha nankany atsinanana ilay lehilahy, dia nisy famolaina teny an-tanany; nandrefy arivo hakiho izy ary
nitondra ahy namakivaky rano izay rano lalina hatreny an-kitrokely. 4 Dia nandrefy arivo hakiho indray izy ary nitondra
ahy namakivaky rano izay rano lalina hatreny an-dohalika; ary nandrefy arivo hakiho hafa izy ka nitondra ahy tamin'ny
rano lalina hatreny am-balahana. 5 Avy eo dia nandrefy arivo hakiho hafa izy, kanefa renirano izay tsy afaka niampitako
izany satria niakatra ny rano ary lalina tsy afaka hilomanosana—renirano izay tsy afaka niampitàna izany.
6 Hoy ilay lehilahy tamiko: "Ry zanak'olona, hitanao ve io?" ary nitondra ahy nivoaka izy ary nampiverina ahy teny
amin'ny sisin'ny renirano. 7 Raha iny niverina iny aho, dia nisy hazo maro teny amin'ny sisin'ilay renirano ary teny
amin'ny andaniny ilany ihany koa. 8 Hoy ilay lehilahy tamiko: "Mivoaka mankany amin'ny faritany atsinanana io rano io
ary midina mankany Arabaha; mikoriana mankany amin'ny Ranomasin'ny Sira izany ary hampadio azy.
9 Ary ny zava-manan'aina rehetra sesehena dia hivelona any amin'izay handehanan'ny rano; hisy hazandrano maro ao,
satria mikoriana any ny rano. Hampadio ilay rano masira izany. Hivelona any amin'izay handehanan'ilay renirano ny
zavatra rehetra. 10 Ary avy eo dia hitsangana eo amoron'ny rano ny mpanjonon'i En-jedy, ary hisy toerana fanamainana ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

harato fanjonoana eo amoron'i En-eglaima. Hisy karazana hazandrano maro ao amin'ny Ranomasin'ny Sira, tahaka ny habetsaky ny hazandrano ao amin'ny Ranomasim-be.
[11]Fa ireo honahona sy ireo henihenin'ny Ranomasin'ny Sira dia tsy ho voadio; hamokarana sira ireny. [12]Eny an-kilan'io renirano io amin'ny sisiny, amin'ny ilany roa, dia hisy karazan-kazo haniry izay hamokatra sakafo. Ny ravin'ireo dia tsy halazo ary ny voan'izy ireo dia tsy hitsahatra hitombo. Isam-bolana ireo hazo ireo dia hamoa voa, satria ny rano avy ao amin'ny fitoerana masina dia mikoriana mankao amin'ireo. Ho sakafo ny voan'ireo, ary ny ravin'ireo dia ho fanasitranana.
[13]Izao no lazain'ny Tompo Yaveh: Izany no fomba hizaranao ny tany ho an'ireo foko roa ambin'ny folon'Israely: hanana anjara roa i Josefa. [14]Ho zarainao mitovy izay nanandratako ny tanako sy nianianako fa homena ireo razambenao. Ity tany ity dia ho tonga lovanao.
[15]Ity no ho sisin-tanin'ny tany any amin'ny ilany andrefana manomboka amin'ny Ranomasim-Be mandalo amin'ny lalana Hetlona, ary hatrany Zedada. [1] [16]Ary hitohy any Berota ny sisin-tany, hatrany Sibraima, izay eo anelanelan'i Damaskosy sy Hamata, ary avy eo hatrany Hazara Hatikona, izay eo ankilan'ny sisin-tanin'i Haorana. [17]Koa hitohy manomboka amin'ny ranomasina hatrany Hazar-enana any amin'ny fari-tanin'i Damaskosy sy Hamata mankany andrefana ny sisin-tany. Izany no ho sisiny andrefana.
[18]Tamin'ny sisiny atsinanana, teo anelanelan'i Haorana sy Damaskosy ary teo anelanelan'i Gileada sy ny tanin'Israely ny Reniranon'i Jordana. Tsy maintsy refesinao hatrany amin'ny sisin'ny ranomasina atsinanana; izany rehetra izany no ho sisin-tany atsinanana. [2] [19]Avy eo ny sisiny atsinanana: ny atsimon'i Tamara mankany amin'ireo ranon'i Meriba Kadesy, ny lohasahan-driakan'i Egypta mankany amin'ny Ranomasim-Be, ary ny ilany atsimo manatrika ny atsimo. [20]Ary ny sisin-tany andrefana no ho Ranomasim-Be mankany amin'izay mifanohitra amin'i Hamata. Izany no ho ilany andrefana.
[21]Amin'izany fomba izany no hizaranareo ity tany ity ho anareo, ho an'ireo fokon'Israely. [22]Koa hizara ireo lova ho an'ny tenanareo ianareo ary ho an'ireo vahiny eo anivonareo, ireo izay niteraka zanaka teo anivonareo sy ireo, miaraka aminareo, tahaka ny olona tera-tanin'Israely. Hanome lova maro eo amin'ireo fokon'Israely ianareo. [23]Ary ny vahiny dia hiaraka amin'ny foko eo amin'ireo izay hipetrahany. Tsy maintsy manome lova ho azy ianareo—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh."

---

[1]Fanamarihana: Ireo lahatsoratra Hebreo dia mivaky hoe: "mandalo amin'ny lalana Hetlona, ary hatrany Zedada, fa ny dikan-teny vaovao sasany dia maka tahaka ny ao amin'ny 48: 1 ary manampy hoe: "Lebo Hamata".
[2]Fanamarihana: Ny lahatsoratra Hebreo dia mivaky hoe: "Tsy maintsy refesinao hatrany amin'ny sisin'ny ranomasina atsinanana" Na izany aza, ny dikan-teny taloha sy amin'izao dia mivaky hoe: "hatrany amin'ny sisin'ny ranomasina atsinanana lavitra hatrany Tamara.

---

48 [1]Ireto avy ny anaran'ireo foko. Hahazo anjara-tany iray ny fokon'i Dana, ny fari-tanin'izany dia hipaka hatrany amin'ny sisin-tanin'Israely manamorona ny lalan'i htlona sy Lebo Hamata. Ny sisin-tanin'izany dia hitohy hatrany Hazar-enana ary manaraka ny sisin-tanin'i Damaskosy mianatsimo ary hatrany Hamata. Ny fari-tanin'i Dana dia manomboka avy any atsinanan'ny lalana rehetra mankany amin'ny Ranomasina Lehibe. [2]Mifanila amin'ny fari-tanin'i Dana, hatrany amin'ny lafiny atsinanana ka hatrany andrefana, no ho anjara iray ho an'i Asera. [3]Mifanila amin'ny fari-tanin'i Asera hatrany amin'ny lafiny atsinanana ka hatrany andrefana, no ho anjara iray ho an'i Naftaly.
[4]Mifanila amin'ny fari-tanin'i Naftaly hatrany amin'ny lafiny atsinanana ka hatrany andrefana, no ho anjara iray ho an'i Manase. [5]Mifanila amin'ny fari-tanin'i Manase hatrany amin'ny lafiny atsinanana ka hatrany andrefana, no ho anjara iray ho an'i Efraima. [6]Mifanila amin'ny fari-tanin'i Efraima hatrany amin'ny ilany atsinanana ka hatrany andrefana, no ho anjara iray ho an'i Robena. [7]Mifanila amin'ny fari-tanin'i Robena hatrany amin'ny ilany atsinanana ka hatrany andrefana, no ho anjara iray ho an'i Joda.
[8]Ny fanolorana ny tany izay hataonao dia hanaraka ny fari-tanin'i Joda sy hihitatra avy any amin'ny lafiny atsinanana ka hatrany andrefana; ho dimy arivo sy roa alina hakiho ny sakany. Ny halavan'izany dia mifandraika amin'ny anjaran'ny foko iray hatrany amin'ny lafiny atsinanana ka hatrany andrefana, ary ho eo afovoan'izany ny tempoly. [9]Izany tany izay hatolotrao an'i Yaveh izany dia ho dimy arivo sy roa alina hakiho ny halavany ary iray alina hakiho ny sakany.
[10]Ireto avy no ho andraikitry ny anjara-tany masina: ireo mpisorona dia hanana tany voatendry ho azy ireo mirefy dimy arivo sy roa alina hakiho ny halavan'ny lafiny avaratra; iray alina hakiho ny sakan'ny lafiny andrefana; iray alina hakiho ny sakan'ny lafiny atsinanana; ary dimy arivo sy roa alina hakiho ny halavan'ny lafiny atsimo, miaraka amin'ny toerana masin'i Yaveh eo afovoan'izany. [11]Izany dia ho an'ny fanokanana ireo mpisoron'ny taranak'i Zadoka, izay efa nanompo Ahy tamim-pahatokiana, sy tsy nandeha tamin'ny lalan-diso fony nandeha tamin'ny lalan-diso ny vahoakan'Israely, tahaka ny nataon'ireo Levita. [12]Ny fanatitra ho azy ireo dia ho anjara avy amin'ity tany masina indrindra ity, mihitatra hatrany amin'ny faritanin'ireo Levita.
[13]Ny tanin'ireo Levita manamorona ny fari-tany miaraka amin'ny tanin'ny mpisorona dia ho dimy arivo sy roa alina hakiho ny halavany ary iray alina hakio ny sakany. Ny halavan'ny velaran-tany manontolo roa dia ho dimy arivo sy roa alina hakiho ny halavany ary roa alina hakiho ny sakany. [14]Tsy mahazo mivarotra na manakalo izany izy ireo; tsy misy azo sarahina amin'ireo velaran-taniny ireo voaloham-bokatry ny tanin'Israely, fa masina ho an'i Yaveh izany rehetra izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Ny tany sisa tavela, dimy arivo hakiho ny sakany ary dimy arivo sy roa alina hakiho ny halavany, dia hiaraha-mampiasa ho an'ny tanàna, ny trano, ary ireo tany fihinanam-bilona; ho eo afovoan'izany ny tanàna. [16]Ireto avy no ho refin'ny tanàna: 4. 500 hakiho ny halavan'ny lafiny avaratra; 4. 500 hakiho ny halavan'ny lafiny atsimo; 4. 500 hakiho ny halavan'ny lafiny atsinana; ary 4. 500 hakiho ny halavan'ny lafiny andrefana.
[17]Ary hisy hady mianavaratra ho an'ny tanàna, 250 hakiho ny halaliny; eo amin'ny atsimo, 250 hakiho ny halaliny; eo amin'ny atsinanana, 250 hakiho ny halaliny, ary eo amin'ny andrefana, 250 hakiho ny halaliny. [18]Ary ny faritra ambin'ny fanatitra masina dia hahatratra iray alina hakiho miatsinanana ary iray alina hakiho miakandrefana. Hihitatra manaraka ny faritanin'ny fanatitra masina izany ary ho sakafon'ireo izay miasa ao an-tanàna ny vokatr'izany.
[19]Ny vahoaka izay miasa ao an-tanàna, ny vahoakan'ny foko rehetran'Israely, no hiasa izany tany izany. [20]Ny zara-tany rehetra dia mirefy dimy arivo sy roa alina hakiho tora-droa. Amin'izany fomba izany no hanaovanareo ilay tany fanatitra masina tany, miaraka amin'ny tanin'ilay tanàna.
[21]Ny ambin'ny tany eo amin'ny andaniny sy ankilan'ilay fanatitra masina sy ny faritry ny tanàna dia ho an'ny andriandahy. Ny velaran-tanin'ny andriandahy any atsinanana dia hahatratra dimy arivo sy roa alina hakiho manomboka eo amin'ny fari-tanin'ilay fanatitra masina ka hatrany amin'ny sisin-tany atsinanana—ary ny velaran'ny any atsinanana dia hahatratra dimy arivo sy roa alina hakiho hatrany amin'ny sisin-tany andrefana. Ho eo anelanelany ilay fanatitra masina, ary ny toerana masin'ny tempoly dia ho eo afovoan'izany. [22]Ny tany mihitatra avy eo amin'ny fananan'ireo Levita sy ny faritry ny tanàna eo afovoany dia ho an'ny andriandahy; ho eo anelanelan'ny sisin-tanin'i Joda sy ny sisin-tanin'i Benjamina izany—io tany io dia ho an'ny andriandahy.
[23]Raha ny amin'ireo foko ambiny, ny anjaran'izy ireo ihany koa dia ho avy any atsinanana ka hatrany andrefana. Hahazo anjara iray i Benjamina. [24]Mifanila amin'ny fari-tanin'i Benjamina hatrany atsinanana ka hatrany andrefana, no ho anjara iray ho an'i Simeona. [25]Mifanila amin'ny fari-tanin'i Simeona hatrany amin'ny ilany atsinanana ka hatrany andrefana, dia hahazo anjara iray i Isakara. [26]Mifanila amin'ny fari-tanin'Isakara hatrany amin'ny lafiny atsinanana ka hatrany andrefana, dia hahazo anjara iray i Zebolona.
[27]Any atsimon'ny fari-tanin'i Zebolona, hatrany andrefana ka hatrany atsinanana, dia ho tanin'i Gada—anjara-tany iray.
[28]Ny fari-tany atsimon'i Gada dia hihitatra manomboka any Tamara ka hatrany amin'ireo ranon'i Meriba-kadesa, ary tonga hatrany amin'ny lohasahan-driakan'i Egypta, ary hatrany amin'ny Ranomasina Lehibe. [29]Izany ilay tany izay hilokanareo; ho lovan'ny fokon'Israely izany. Ireo dia ho anjaran'izy ireo. Izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[30]Ireto no ho fivoahana avy ao an-tanàna: amin'ny lafiny avaratra, izay hirefy 4. 500 hakiho ny halavany, [31]dia hisy vavahady telo, nantsoina avy tamin'ireo fokon'Israely: vavahady iray ho an'i Robena, vavahady iray ho an'i Joda, ary vavahady iray ho an'i Levy. [32]Eo amin'ny lafiny atsinanana, izay hirefy 4. 500 hakiho ny halavany, dia hisy vavahady telo: vavahady iray ho an'i Josefa, vavahady iray ho an'i Benjamina, ary vavahady iray ho an'i Dana.
[33]Amin'ny lafiny atsinanana, izay hirefy 4. 500 hakiho ny halavany, dia hisy vavahady telo: vavahady iray ho an'i Simeona, vavahady iray ho an'Isakara, ary vavahady iray ho an'i Zebolona. [34]Eo amin'ny lafiny andrefana, izay hirefy 4. 500 hakiho, dia hisy vavahady telo: vavahady iray ho an'i Gada, vavahady iray ho an'i Asera, ary vavahady iray ho an'i Naftaly. [35]Valo arivo sy iray alina hakiho ny refy manodidina ny tanàna; manomboka amin'io andro io, dia ho antsoina hoe "Yaveh No Ao" ny anaran'ilay tanàna.

Daniela

1 [1]Tamin'ny taona fahatelo nanjakan'i Joiakima mpanjakan'ny Joda, Nebokadnezara mpanjakan'i Babylona tonga tao Jerosalema ary nanodidina ny tanàna mba hanapaka ny famatsiana rehetra ho an'izany. [2]Ny Tompo nanome fandresena an'i Nebokadnezara teo amin'i Joaikima mpanjakan'ny Joda, ary izy nanome azy tamin'ireo zava-masina avy ao amin'ny tranon'Andriamanitra. Nitondra ireo ho any amin'ny tanin'i Babylona izy, ho any an-tranon'andriamaniny, ary napetrany tao amin'ny fitoeran-drakitry ny andriamaniny ireo zava-masina.
[3]Ary niresaka tamin'i Aspenaza, ilay lehiben'ny manampahefany, ny mpanjaka mba hitondra ny sasany amin'ireo zanak'Israely, amin'ny fianakavian'andriana sy ny ambony firazanana— [4]tovolahy tsy misy kilema, manintona amin'ny endrika ivelany, mahay amin'ny fahendrena rehetra, feno fahalalana sy fahazavan-tsaina, ary voafantina mba hanompo ao amin'ny lapan'ny mpanjaka. Izy dia hampianatra azy ireo ny literatiora Babyloniana sy ny fiteniny. [5]Nanisan'ny mpanjaka anjara isan'andro manokana amin'ireo haniny sy sasany amin'ireo divay nisotrony izy ireo. Ireo zatovo lahy ireo dia nampihofanina nandritra ny telo taona, ary aorian'izay, dia hanompo ny mpanjaka izy ireo.
[6]Anisan'ireo i Daniela, Hanania, Misaela ary Azaria, izay sasany amin'ireo olon'ny Joda. [7]Nomen'ny lehibe manampahefana anarana izy ireo: Daniela nantsoiny hoe Beltesazara, Hanania nantsoiny hoe Sadraka, Misaela nantsoiny hoe Mesaka, ary Azaria nantsoiny hoe Abednego.
[8]Fa Daniela nihevitra tao an-tsainy fa tsy handoto ny tenany amin'ireo hanim-pin'ny mpanjaka sy ny divay izay nisotroany izy. Koa naka alalana tamin'ny lehiben'ny manam-pahefana izy mba tsy handoto ny tenany. [9]Ary nomen'Andriamanitra sitraka sy fahangoraham-po Daniela tamin'ny fanajan'ny lehibe manampahefana azy. [10]Niteny tamin'i Daniela ny lehibe manampahefana hoe: "Matahotra ny mpanjaka tompoko aho. Izy no nandidy ny sakafo sy zava-pisotronareo. Nahoana izy no tokony hahita faharatsiana eny aminao mihoatra ireo tovolahy hafa izay mitovy taona aminao? Mety hotapahin'ny mpanjaka noho ianao ny lohako."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Avy eo Daniela niresaka tamin'ny mpitandrin-draharaha izay notendren'ny manampahefana lehibe ho an'i Daniela, Hanania, Misaela ary Azaria. [12]Hoy izy: "Izahao toetra re izahay mpanomponao mandritra ny folo andro. Omeo legioma hoanina sy rano ho sotroina fotsiny izahay. [13]Dia ampitahao amin'ny endrika ivelan'ireo tovolahy izay mihinana ny hanim-pin'ny mpanjaka ny endrikay ivelany, ary ataovy aminay, mpanomponao, araka izay hitanao."
[14]Koa dia niombon-kevitra taminy hanao izany ny mpitandrin-draharaha, ka nizaha toetra azy ireo nandritra ny folo andro izy. [15]Tamin'ny faran'ny hafoloana ny endrika ivelan'izy ireo dia tonga salama kokoa ary voafahana tsara mihoatra noho ireo tovolahy izay nihinana tamin'ny hanim-pin'ny mpanjaka. [16]Ka dia nalain'ny mpitandrin-draharaha ireo hanim-piny sy ireo divain'izy ireo ary legioma ihany no nomeny azy ireo.
[17]Raha ny amin'ireo tovolahy efatra ireo, nomen'Andriamanitra azy ireo ny fahalalana sy fahalalinan-tsaina amin'ny literatiora rehetra sy ny fahendrena, ary afaka mahatakatra ireo karazana fahitana sy nofy rehetra i Daniela. [18]Tamin'ny fiafaran'ny fotoana izay napetraky ny mpanjaka hitondrana azy ireo, dia nitondra azy ireo manoloana an'i Nebokadnezara ny lehibe manampahefana.
[19]Niresaka tamin'izy ireo ny mpanjaka, ary tsy nisy tahaka an'i Daniela, Hanania, Misaela ary Azaria tao amin'ny vondrona iray manontolo. Nitsangana nanoloana ny mpanjaka izy ireo, vonona ny hanompo azy. [20]Tamin'ny fanontaniana rehetra mahakasika ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina izay napetraky ny mpanjaka azy ireo, dia voavalin'izy ireo tsara avo folo heny kokoa mihoatra ny an'ireo ombiasy sy ireo izay milaza ho miresaka amin'ny maty, izay tany amin'ny fanjakany manontolo izany. [21]Tany foana i Daniela hatramin'ny taona voalohany nanjakan'ny mpanjaka Kirosy.

2 [1]Tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Nebokadnezara, dia nanofy izy. Nihorohoro ny sainy, ary tsy afa-natory izy. [2]Ary nampiantso ireo ombiasy sy ireo izay nilaza ho miresaka amin'ny maty ny mpanjaka. Niantso ireo mpanao ody sy ireo olon-kendry ihany koa izy. Naniry azy ireo hilaza azy ny momba ny nofiny izy. Koa niditra izy ireo ary nijoro teo anolohan'ny mpanjaka.
[3]Hoy ny mpanjaka tamin'izy ireo hoe: "Nanofy aho, ary ny saiko dia mitebiteby ny hahafantatra ny dikany ilay nofy." [4]Avy eo dia niresaka tamin'ny mpanjaka tamin'ny teny Aramiana ireo olon-kendry: "Ry mpanjaka, ho velona mandrakizay! Lazao aminay mpanomponao ilay nofy, ary izahay hanambara ny dikany."
[5]Namaly an'ireo olon-kendry ny mpanjaka hoe: "Efa nilamina izany raharaha izany. Raha tsy ambaranareo sy hazavainareo ahy ilay nofy, dia ho potikapotika ny vatanareo ary ireo tranonareo hatao korotam-pako. [6]Fa raha lazainareo ahy ny nofy sy ny dikany, dia hahazo fanomezana avy amiko ianareo, valisoa iray, ary voninahitra lehibe. Koa lazao ahy ny nofy sy ny dikany."
[7]Dia namaly indray izy ireo hoe: "Aoka ny mpanjaka hilaza aminay mpanompony, ny nofy dia holazainay anao ny dikany." [8]Namaly ny mpanjaka hoe: "Fantatro tsara fa te hahazo fotoana mihoatra ianareo satria hitanareo fa tena entitra ny fanapaha-kevitro momba izany. [9]Fa raha tsy lazainareo amiko ilay nofy, dia iray ihany ny teniko ho anareo. Nanapa-kevitra ny hanomana teny diso sy fitaka izay nifanekenareo ho lazaina amiko ianareo mandra-piova ny hevitro. Koa lazao ahy ary ilay nofy, dia ho fantatro fa afaka mandika izany amiko ianareo.
[10]Namaly ireo olon-kendry ilay mpanjaka hoe: "Tsy misy olona eto an-tany afaka hananteraka ny fangatahan'ny mpanjaka. Tsy misy mpanjaka lehibe sy mahery mbola nangataka zavatra toy izany avy amin'ny ombiasy, na avy amin'iza na iza milaza fa miresaka amin'ny maty, na avy amin'ny olon-kendry. [11]Sarotra ny zavatra angatahin'ny mpanjaka, ary tsy misy na iza na iza afaka milaza izany amin'ny mpanjaka afa-tsy ireo andriamanitra, ary tsy miaina eo amin'ny olombelona izy ireo."
[12]Nahatezitra sy tena nahavinitra ny mpanjaka izany, ka nanome baiko handringana ireo rehetra any Babylona izay fantatra tamin'ny fahendreny izy. [13]Koa nivoaka ny lalàna fa ireo rehetra izay fantatra tamin'ny fahendren'izy ireo dia hovonoina. Noho io lalàna io, dia nitady an'i Daniela sy ireo namany izy ireo mba hahafahana mamono azy ireo.
[14]Ary i Daniela namaly am-pahamalinana sy am-pisainana an'i Arioka mpifehy ny mpiambina ny mpanjaka, izay tonga hamono ireo rehetra tao Babylona izay fantatra tamin'ny fahendren'izy ireo. [15]Nanontany ny mpifehin'ny mpanjaka i Daniela hoe: "Nahoana no dia maika tahaka izany ny lalàn'ny mpanjaka?" Koa nolazain'i Arioka tamin'i Daniela izay niseho. [16]Avy eo Daniela niditra ary nangataka ny hihaona tamin'ny mpanjaka mba hahafahany manao ny fandikana ho an'ny mpanjaka.
[17]Avy eo dia nankany an-tranony ary nanazava izay niseho tamin'i Hanania, Misaela, sy Azaria i Daniela. [18]Namporisika azy ireo hitady famindram-po avy amin'ny Andriamanitry ny lanitra izy mahakasika io zava-miafina io mba tsy hamonoana azy sy azy ireo miaraka amin'ireo olona tavela tao Babylona izay fantatra amin'ny fahendren'izy ireo.
[19]Tamin'io alina io dia nambara tamin'i Daniela tanaty fahitana ilay zava-miafina. Dia nidera an'ilay Andriamanitry ny lanitra i Daniela [20]ary niteny hoe: "Miderà ny anaran'Andriamanitra mandrakizay doria; fa Azy ny fahendrena sy ny hery.
[21]Manova ny fotoana sy ny vanim-potoana Izy; manala sy mametraka ny mpanjaka eo amin'ireo seza fiandrianany Izy. Manome fahendrena ho an'ny hendry Izy ary fahalalana ho an'ireo izay manana fahazavan-tsaina. [22]Mampiseho ny lalina sy ireo zava-miafina Izy satria fantany ny ao anatin'ny fahamaizinana, ary ny hazavana miaina ao aminy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Ry Andriamanitry ny razambeko, misaotra Anao aho ary midera anao noho ny fahendrena izay nomenao ahy. Efa nampahafantarinao ahy ankehitriny izay nangatahanay taminao; nampahafantarinao anay ny zavatra mampitebiteby ny mpanjaka."
[24]Avy eo dia niditra i Daniela hijery an'i Arioka (ilay notendren'ny mpanjaka hamono ny olona hendry rehetra tany Babylona). Nandeha izy ary niteny taminy hoe: "Aza mamono ny olon-kendry any Babylona. Ento any amin'ny mpanjaka aho ary dia hasehoko ny mpanjaka ny dikan'ny nofiny."
[25]Dia nentin'i Arioka faingana teo anatrehan'ny mpanjaka i Daniela ary niteny hoe: "Nahita lehilahy iray teo amin'ireo olon'i Joda natao sesitany izay hanambara ny dikan'ny nofin'ny mpanjaka aho." [26]Hoy ny mpanjaka tamin'i Daniela (izay atao hoe Beltesazara): "Moa ve ianao afaka ny hilaza amiko ny nofy izay hitako sy ny heviny?"
[27]Daniela namaly ny mpanjaka ka nanao hoe: "Ny zava-miafina izay nanontanian'ny mpanjaka dia tsy azon'ireo izay manana fahendrena aseho, na ireo izay milaza fa miresaka amin'ny maty, na amin'ny alalan'ireo ombiasy, ary tsy amin'ny alalan'ireo mpanandro. [28]Na dia izany aza, misy Andriamanitra izay monina any an-danitra, izay manambara ny zava-miafina, ary efa nampahafantariny anao, ry Nebokadnezara mpanjaka, izay hitranga amin'ny andro ho avy. Ireto ny nofinao sy ireo fahitan'ny sainao raha nandry teo amin'ny fandrianao ianao.
[29]Raha ny aminao, ry mpanjaka, ny fisainanao eo am-pandrianao dia momba ireo zavatra ho avy, ary izay manambara ireo zava-miafina dia efa nampahafantatra anao izay hiseho. [30]Raha ny amiko, izany zava-miafina izany dia tsy nambara tamiko nohon'ny fahendrena izay hananako bebe kokoa mihoatra ny olombelona hafa. Nambara tamiko izany zava-miafina izany mba hahatakaranao ny dikany, ry mpanjaka, ary mba hahafahanao mahafantatra ireo eritreritra lalina ao anatinao.
[31]Ry mpanjaka, nitraka ianao ary nahita sarivongana lehibe. Io sarivongana io, izay mahery tokoa sy mamirapiratra, dia nijoro teo anatrehanao. Mampihorohoro ny famirapiratany. [32]Ny lohan'ny sarivongana dia natao tamin'ny volamena tsara indrindra. Ny tratrany sy ny sandriny dia vita tamin'ny volafotsy. Ny afovoany sy ny feny dia vita tamin'ny varahina, ary ny ranjon'izany dia natao tamin'ny vy. [33]Ny tongotr'izany dia vita tamin'ny vy ny ampahany ary tanimanga ny ampahany.
[34]Nitraka ianao, ary nisy vato tapaka iray, na dia tsy tamin'ny alalan'ny tanan'ny olona aza, ary namely ny sarivongana teo amin'ny tongony vy sy tanimanga izany, ary nandrava azy ireo. [35]Avy eo ny vy, ny tanimanga, ny varahina, ny volafotsy ary ny volamena dia potipotika ka lasa toy ny akofam-bary eo amin'ny famoloana amin'ny fahavaratra. Notsofin'ny rivotra ireo ary tsy nisy soritr'izy ireo tavela. Fa ilay vato izay namely ny sarivongana dia lasa tendromobohitra lehibe ary nameno ny tany rehetra.
[36]Izany no nofinao. Ary andeha hilaza ny heviny amin'ny mpanjaka izahay izao. [37]Ianao, ry mpanjaka, no mpanjakan'ireo mpanjaka izay nomen'Andriamanitry ny lanitra ny fanjakana, ny fahefana, ny hery, ary ny voninahitra. [38]Efa nataony teo am-pelatananao ny toerana honenan'ny olombelona. Ary efa nomeny teo am-pelatananao ireo bibin'ny saha sy ny voron'ny lanitra, ary efa nanao anao ho mpanapaka eo amin'ireo rehetra ireo Izy. Ianao no lohan'ny sarivongana volamena.
[39]Ao aorianao, dia hisy fanjakana hafa hitsangana izay ambany noho ianao, kanefa ny fanjakana varahina fahatelo dia hanapaka eo amin'ny tany rehetra.
[40]Ary hisy fanjakana fahefatra, mafy tahaka ny vy, satria ny vy mamaky ireo zavatra hafa sy manorotoro ny zavatra rehetra. Manorotoro ireo zavatra rehetra ireo izany ary mamotika azy ireo.
[41]Araka ny hitanao, ny tongotra sy ireo rantsany dia vita tamin'ny tanimanga nandrahoana sy vy ny ampahany, koa dia ho fanjakana voazara izany; ny sasany amin'ny herin'ny vy dia ho ao amin'izany, araka ny efa nahitanao ny vy nafangaro tamin'ny tanimanga malefaka. [42]Satria ireo rantsan-tongony dia natao tamin'ny vy ny ampahany ary tanimanga ny ampahany, dia ho mafy ny fanjakana amin'ny ampahany ary malemy amin'ny ampahany. [43]Tahaka ny nahitanao ny vy nafangaro tamin'ny tanimanga malefaka, dia hifangaro ireo olona; tsy hiara-hijanona izy ireo, tahaka ny vy tsy mifangaro amin'ny tanimanga.
[44]Amin'ny andron'ireo mpanjaka ireo, dia hametraka ny fanjakana izay tsy ho voarava mihitsy, na ho babon'ny olon-kafa ilay Andriamanitry ny lanitra. Handravarava ireo fanjakana hafa izany ary hampitsahatra azy ireo rehetra, ary dia hitoetra mandrakizay izany. [45]Araka ny efa hitanao, nisy vatolampy iray nanapaka tendrombohitra, fa tsy mba tamin'ny tanan'olombelona. Nanapatapaka ny vy, varahina, tanimanga, volafotsy, ary volamena izany. Efa nampahafantarin'ilay Andrimanitra lehibe anao, ry mpanjaka, izay hiseho aorin'izany. Marina ilay nofy ary azo antoka ity fandikana ity."
[46]Nampiankohoka ny tavany teo anatrehan'i Daniela i Nebokadnezara ary nanaja azy; nandidy ny hanaovana fanatitra iray izy ary ditin-kazo manitra hatolotra ho azy. [47]Hoy ilay mpanjaka tamin'i Daniela hoe: "Tena ny Andriamanitrao no Andriamanitr'ireo andriamanitra, ilay Tompon'ireo mpanjaka, ary Ilay manambara ny zava-miafina, satria afaka manambara izany zava-miafina izany ianao."
[48]Avy eo nataon'ny mpanjaka nanana ny haja ambony i Daniela ary nomeny fanomezana mahafinaritra. Nanao azy ho mpanapaka teo amin'ny ireo faritanin'ny Babylona rehetra izy. Lasa lehiben'ny governora teo amin'ireo olon-kendry indrindra an'i Babylona i Daniela. [49]Nanao fangatahana iray tamin'ny mpanjaka i Daniela, ary notendren'ny mpanjaka i Sadraka, Mesaka, ary Abednego mba ho mpandrindra eo amin'ireo faritanin'i Babylona. Fa Daniela kosa nitoetra tao amin'ny lapan'ny mpanjaka.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

3 [1]Nanamboatra sarivongana volamena i Nebokadnezara mpanjaka izay enimpolo hakiho ny halavany ary enina hakiho ny sakany. Napetrany tao amin'ny Lemak'i Dora ao amin'ny faritanin'i Babylona izany. [2]Dia nandefa hafatra i Nebokadnezara mba hampivory miaraka ireo governoram-paritany, ireo governoram-paritra, ary ireo governora teo an-toerana, mbamin'ireo mpanolo-tsaina, ireo mpitam-bola, ireo mpitsara, ireo mpahay lalàna, ireo manam-boninahitry ny faritany ambony rehetra mba ho tonga amin'ny fitokanana ny sarivongana izay efa natsangany.
[3]Dia niara-nivory ireo governoram-paritany, ireo governoram-paritra, sy ireo governora teo an-toerana, niaraka tamin'ireo mpanolo-tsaina, ireo mpitam-bola, ireo mpitsara, ireo mpahay lalàna, ireo manam-boninahitry ny faritany ambony rehetra mba ho tonga amin'ny fitokanana ny sarivongana izay efa natsangan'i Nebokadnezara. Nijoro teo anoloan'izany izy ireo. [4]Dia nisy mpikabary nihiaka mafy hoe: "Didiana ianareo, ry vahoaka, ry firenena, sy ireo fiteny samihafa, [5]fa amin'ny fotoana handrenesanareo ny feon'ny anjomara, sodina, sitara, lokanga, harpa ary farara, sy ny karazan-java-maneno rehetra, dia tsy maintsy miondrika ary miankohoka eo amin'ny sarivongana volamena izay efa natsangan'i Nebokadnezara mpanjaka ianareo.
[6]Na iza na iza tsy miondrika ka manompo, amin'izany fotoana izany mihitsy, dia hatsipy ao anaty lafaoro midedadeda."
[7]Koa rehefa nandre ny feon'ny anjomara, sodina, sitara, lokanga, harpa ary farara, sy ny karazan-java-maneno rehetra ny vahoaka manontolo, ireo firenena, sy fiteny dia niondrika ary niankohoka teo amin'ny sarivongana volamena izay efa natsangan'i Nebokadnezara mpanjaka.
[8]Ary tamin'io fotoana io dia nisy Kaldeana tonga ary nitondra fiampangana hanohitra ireo Jiosy. [9]Hoy izy ireo tamin'i Nebokadnezara mpanjaka: "Ry mpanjaka! Ho velona mandrakizay anie ianao! [10]Ianao, ry mpanjaka, dia efa nanao lalàna fa ny olona rehetra izay mandre ny feon'ny anjomara, sodina, sitara, lokanga, harpa ary farara, sy ny karazan-java-maneno rehetra, dia tsy maintsy miondrika ary miankohoka eo amin'ny sarivongana volamena.
[11]Na iza na iza tsy miondrika sy manompo dia tsy maintsy atsipy ao anaty lafaoro midedadeda. [12]Ary misy ireo Jiosy izay notendrenao amin'ireo raharaham-paritanin'i Babylona; ny anaran'izy ireo dia Sadraka, Mesaka, ary Abednego. Ireo lehilahy ireo, ry mpanjaka, dia tsy nihaino anao. Tsy hivavaka na hanompo ireo andriamanitrao izy ireo, na hiankohoka eo anoloan'ny sarivongana volamena izay efa natsanganao."
[13]Ary Nebokadnezara, feno fahatezerana sy fahavinirana, dia nandidy ny hitondrana an'i Sadraka, Mesaka, ary Abednego ho eo aminy. Koa nentin'izy ireo teo anoloan'ny mpanjaka ireo lehilahy ireo. [14]Hoy Nebokadnezara tamin'izy ireo: "Efa nandefa fisainanareo ve ianareo ry Sadraka, Mesaka, ary Abednego, fa tsy hanompo ireo andriamanitro ka hiankohoka eo anoloan'ny sarivongana volamena izay efa natsangako?
[15]Ary raha vonona ianareo— rehefa mandre ny feon'ny anjomara, sodina, sitara, lokanga, harpa ary farara, sy ny karazan-java-maneno rehetra— ny hiondrika ary hiankohoka eo amin'ny sarivongana volamena izay efa namboariko, dia hilamina ny zava-drehetra. Fa raha tsy manompo ianareo, dia hatsipy avy hatrany ao anaty lafaoro midedadeda. Iza no andriamanitra afaka mamonjy anareo eo an-tanako?"
[16]Namaly ny mpanjaka i Sadraka, Mesaka, ary Abednego hoe: "Ry Nebokadnezara, tsy mila mamaly anao amin'izany raharaha izany izahay. [17]Raha misy valiny, dia ny Andriamanitray izay tompoinay no afaka miaro anay amin'ny lafaoro midedadeda, ary hamonjy anay tsy ho eo an-tananao Izy, ry mpanjaka. [18]Fa na tsy izany aza, dia aoka ho fantatrao, ry mpanjaka, fa tsy hanompo ireo andriamanitrao izahay, ary tsy hiankohoka amin'ny sarivongana volamena izay efa natsanganao."
[19]Dia feno fahatezerana i Nebokadnezara; niova tamin'i Sadraka, Mesaka, ary Abednego ny endriny. Nodidiany fa tokony hafanaina im-pito mahamay kokoa noho ny hafanany mahazatra ny lafaoro. [20]Dia nandidy lehilahy matanjaka maro tao amin'ny tafiny izy mba hamatotra an'i Sadraka, Mesaka, ary Abednego ka hanipy azy ireo ao anaty lafaoro midedadeda.
[21]Nofatorana mbola tamim-piakanjoana ireo akanjolavany, ireo kapaotiny, ireo satrony, sy fitafiana hafa izy ireo, ka natsipy tao anaty lafaoro midedadeda. [22]Satria hentitra ny fanarahana ny baikon'ny mpanjaka ary nahamay be ny lafaoro, dia namono ireo lehilahy izay nampiakatra an'i Sadraka, Mesaka, ary Abednego ny lelafo. [23]Ireo lehilahy telo ireo, izay Sadraka, Mesaka, ary Abednego, dia nianjera tao anatin'ny lafaoro midedadeda izy ireo sady nifatotra.
[24]Dia gaga Nebokadnezara mpanjaka ka nitsangana faingana. Nanontany ireo mpanolotsainy izy hoe: "Moa ve tsy natsipintsika nifatotra tao anaty afo izy telolahy?" Dia namaly ny mpanjaka izy ireo hoe: "Eny tokoa, ry mpanjaka." [25]Hoy izy: "Nefa aho mahita lehilahy efatra tsy mifatotra mandehandeha ao anaty afo, ary tsy maninona izy ireo. Ny fanjelatry ny fahefatra dia tahaka ny zanak'ireo andriamanitra."
[26]Dia nanatona ny varavaran'ny lafaoro midedadeda i Nebokadnezara ka niantso mafy hoe: "Ry Sadraka, Mesaka, ary Abednego, mpanompon'Andriamanitra Avo Indrindra, mivoaha! Mankanesa aty!" Dia nivoaka avy tao amin'ny afo i Sadraka, Mesaka, ary Abednego. [27]Ireo governoram-paritany, ireo governoram-paritra, ireo governora hafa, ary ireo mpanolo-tsain'ny mpanjaka izay niara-niangona dia nahita ireo lehilahy ireo. Tsy nampaninona ny vatan'izy ireo ny afo; tsy may ny volon-dohan'izy ireo; tsy simba ny fitafian'izy ireo; ary tsy nisy fofon'afo taminy.
[28]Hoy Nebokadnezara: "Ndeha isika hidera ny Andriamanitr'i Sadraka, Mesaka, ary Abednego, izay nandefa ny irany ary nanome izao hafany izao ho an'ireo mpanompony. Natoky Azy izy ireo raha nandà ny baikoko, ary nahafoy ny vatany izy ireo toy izay hanompo sy hiankohoka amin'izay andriamanitra afa-tsy ny Andriamanitr'izy ireo.
[29]Koa manao lalàna aho fa izay vahoaka, firenena, na fiteny izay milaza zavatra hanohitra ny Andriamanitr'i Sadraka, Mesaka, sy Abednego dia tsy maintsy ravana, ary ny tranon'izy ireo dia tsy maintsy atao ho fako mivangongo satria tsy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

misy andriamani-kafa afaka manavotra tahaka izao." [30]Dia nampisondrotra an'i Sadraka, Mesaka, ary Abednego tao amin'ny faritanin'i Babylona ny mpanjaka.

4 [1]Nandefa izao didy izao ho an'ireo vahoaka, ireo firenena, ary ireo fiteny rehetra izay nonina tety ambonin'ny tany i Nebokadnezara mpanjaka hoe: "Hampitomboina aminareo anie ny fiadanana. [2]Toa tsara amiko ny milaza aminareo ireo famantarana sy zava-mahagaga izay nataon'ny Avo Indrindra tamiko. [3]Lehibe loatra ireo famantarany, ary mahery loatra ireo zava-mahagagany! Fanjakana tsy manam-pahataperana ny fanjakany, ary maharitra hatramin'ny taranaka fara mandimby ny fanapahany.
[4]Izaho, Nebokadnezara, dia nonina tamin-kafaliana tao an-tranoko, ary nankafy fahombiazana aho tao amin'ny lapako. [5]Saingy nampatahotra ahy ny nofiko iray. Raha nandry iny aho, dia nampikorontana ahy ireo kisarisary sy ireo fahitàna izay tato an-tsaiko. [6]Koa dia nanome didy aho ny hitondràna teo amiko ireo lehilahin'i Babylona rehetra izay nanam-pahendrena raha afaka ny handika ny nofy ho ahy izy ireo.
[7]Ary dia tonga ireo ombiasy, ireo izay milaza fa miresaka amin'ny maty, ireo olon-kendry, ary ireo mpanandro. Nanambara ilay nofiko tamin'izy ireo aho, fa tsy afaka ny handika izany tamiko izy ireo. [8]Nefa niditra i Daniela nony farany_ ilay iray izay nantsoina hoe Beltesazara araka ny anaran'andriamanitro, misy fanahin'ireo andriamanitra koa ao anatiny_ ary nilaza taminy ilay nofiko aho. [9]"'Ry Beltesazara, ombiasibe, fantatro fa ao aminao ny fanahin'ireo andriamanitra masina ary tsy misy zava-miafina izay sarotra aminao ihany koa. Lazao ahy izay hitako tao anaty nofiko ary inona ny dikan'izany.
[10]Ireto avy ireo fahitana izay hitako tao an-tsaiko raha nandry tao am-pandriako aho: nandinika aho, ary nisy hazo iray teo afovoan'ny tany, ary lehibe tokoa ny haavon'izany. [11]Nihanitombo ilay hazo ka tonga nahery. Nananika ny lanitra ny tendrony, ary afaka mahita izany hatrany amin'ireo vazan-tany manontolo. [12]Tsara tarehy ny raviny, marobe aok'izany ny voany, ary nisy sakafo ho an'ny rehetra teo amboniny. Nahita fialofana tao ambaniny ny bibidia, ary ny voron'ny habakabaka nonina teo amin'ireo rantsany. Voafahana avy tamin'izany avokoa ireo zava-manan'aina rehetra.
[13]Nahita tao an-tsaiko aho tamin'izaho nandry teo am-pandriako, ary nisy iraka masina iray nidina avy teny amin'ny habakabaka. [14]Nihiaka mafy izy ka nanao hoe: 'Kapao ilay hazo ary tapaho ireo ratsany, esory ireo raviny, ary aparitaho ny voany. Aoka ireo biby handositra avy eo ambanin'izany ary ireo vorona hanidina lavitr'ireo rantsany.
[15]Avelao ny fototry ny fakany ho ao anaty tany, fatory amin'ny fehim-by sy varahina, eo afovoan'ny ahitry ny saha. Aoka izany ho kotsan'ny andon'ny habakabaka. Aoka izany hivelona miaraka amin'ireo biby eo amin'ireo voninkazo eny amin'ny tany. [16]Aoka ny fisainany hiova fisainan'olona, ary aoka ny fisainam-biby no homena azy hatramin'ny fahalasan'ny fito taona.
[17]Izany fanapahan-kevitra izany dia avy tamin'ny didy notaterin'ilay iraka. Izany fanapahan-kevitra izany no nataon'ireo masina mba ahafahan'ireo velona mahafantatra fa manapaka manerana ireo fanjakanan'ny vahoaka ny Avo Indrindra ary manome azy ireo ho an'ny olona izay tiany hapetraka eo amin'izy ireo, na dia ny lehilahy faran'izay manetry tena aza.' [18]Izaho, Nebokadnezara, no nanana izany nofy izany. Ankehitriny ianao, ry Beltesazara, Lazao ahy ny dikany, satria tsy misy amin'ireo lehilahy hendrin'ny fanjakako afaka ny handika izany ho ahy. Fa ianao no afaka manao izany, satria ao aminao ny fanahin'ireo andriamanitra masina."
[19]Ary Daniela, izay natsoina ihany koa hoe Beltesazara, dia tohina mafy nandritra ny fotoana vitsy, ka nanaitra azy ny fisainany. Dia hoy ny mpanjaka hoe: "Ry Beltesazara, aza avela hanaitra anao akory ny nofy na ny dikan'izany." Namaly Beltesazara hoe: "Ry Tompoko, aoka ho amin'ireo izay mankahala anao anie ny nofy; ho an'ireo fahavalonao anie ny dikan'izany.
[20]Ilay hazo izay hitanao—izay nitombo ka tonga nahery, ary izay nipaka tany an-danitra ny tendrony, ka azo nojerena tany amin'ny ireo faran'ny tany rehetra— [21]izay tsara tarehy tokoa ireo raviny, ary maro dia maro tokoa ny voany, mba hisian'ny sakafo ho an'ny rehetra ao amin'izany, ary ao ambaniny no ahitan'ireo bibin'ny saha fialofana, ary nonenan'ireo voron'ny habakabaka tao aminy— [22]izany hazo izany dia ianao, ry mpanjaka, ianao izay nitombo ho tena mahery. Nihanitombo ny fahalehibeazanao ka nanakatra ny lanitra, ary ny fanapahanao nipaka tany amin'ireo faran'ny tany.
[23]Ianao, ry mpanjaka, no nahita ny iraka masina nidina avy tany an-danitra ka niteny hoe: "Kapaho ilay hazo ary poteho izany, nefa avelao ny fakan'izany ho ao amin'ny tany, fatory amin'ny fehim-by sy varahina, eo afovoan'ny ahitra malemin'ny saha. Avelao ho kotsan'ny ando avy any an-danitra izany. Aoka izany hivelona hiaraka amin'ireo bibidia eny amin'ireo saha mandra-paha lasan'ny fito taona.'
[24]Izany no dikany, ry mpanjaka. Izany no didin'ny Avo Indrindra izay nipaka taminao, ry tompoko mpanjaka. [25]Hesorina amin'ny olona ianao, ary hitoetra miaraka amin'ireo bibidia any amin'ireo saha. Hampihinanana ahitra tahaka ny omby ianao, ary ho kotsan'ny ando avy any an-danitra, ka fito taona no handalo mandra-pihaikinao fa ny Avo Indrindra no manapaka eo amin'ireo fanjakan'olona ary Izy no manome azy ireo ho amin'ny olona izay iriany.
[26]Araka ny nandidiana ny hamelàna ny fakan'ny hazo, dia amin'izany fomba izany no hamerenana ny fanjakanao ho aminao amin'ny fotoana hahalalanao fa manjaka ny lanitra. [27]Noho izany, ry mpanjaka, aoka ny torohevitro ho azo ekena aminao. Ajanony ny fanotàna ka manaova izay marina. Mivilia amin'ireo helokao amin'ny fanehoana famindram-po amin'ireo nampahoriana, ary izany dia mba ho afaka hihitatra ny fahombiazanao."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[28-29]Nitranga tamin'ny mpanjaka Nebokadnezara ireny zavatra rehetra ireny. Roa ambin'ny folo volana taty aoriana dia nandeha teo amin'ny tafon'ny lapan'ny mpanjaka tany Babylona izy, [30]ary hoy izy hoe: "Tsy ity ve ilay Babylona lehibe, izay natsangako ho an'ny toeram-ponenam-panjakako, ho amin'ny voninahitry ny fahalehibeazako?"
[31]Raha mbola teo am-bavan'ny mpanjaka ireo teny, dia nisy feo avy any an-danitra hoe: "Ry Nebokadnezara mpanjaka, nambara taminao fa efa nesorina taminao izao fanjakana izao. [32]Ho roahina tsy ho eo amin'ny vahoaka ianao, ary ny toeram-ponenanao dia hiaraka amin'ireo bibidia eny amin'ireo saha. Hampihinanana ahitra tahaka ny omby ianao. Fito taona no handalo mandra-pahatonga anao hiaiky fa ny Avo Indrindra no manapaka eran'ireo fanjakan'ny olona ary Izy no manome azy ireo ho an'ny olona iriany."
[33]Izany didy nanohitra an'i Nebokadnezara izany dia notanterahina tsy nisy atak'andro. Noroahina tsy ho eo amin'ny vahoaka izy. Nihinana ahitra tahaka ny omby izy, ary kotsan'ny andon'ny lanitra ny vatany. Nihalava tahaka ny volon'ny rain'ny voromahery ny volony, ary tonga tahaka ny an'ny vorona ireo hohony.
[34]Tamin'ny fiafaran'ny andro, izaho, Nebokadnezara, nanandratra ny masoko any amin'ny lanitra, ary naverina tamiko indray ny adalàko. "Midera ny Avo Indrindra aho, ary manome voninahitra an'ilay Iray izay mitoetra mandrakizay aho. Fa tsy manam-pahataperana ny fanapahany, ary maharitra hatramin'ny taranaka fara-mandimby ny fanjakany.
[35]Tsinotsinona taminy ny mponin'ny tany rehetra; manao izay rehetra mety amin'ny sitra-pony amin'ny tafiky ny lanitra sy ny mponin'ny tany Izy. Tsy misy afaka hampijanona Azy na hifaninana aminy. Tsy misy afaka ny hiteny Azy hoe: 'Nahoana no nanao izao Ianao?'"
[36]Tamin'io fotoana niverenan'ny adalako tamiko io ihany, dia niverina tamiko ny voninahitro sy ny fahalehibeazako ho an'ny voninahitry ny fanjakako. Nahita ny sitrako ireo mpanolotsaiko sy ireo lehilahiko mendri-kaja. Nentina niverina teo amin'ny seza fiandrianako indray aho, ary ambonin'izany dia nomena fahalehibeazana bebe kokoa aho. [37]Izaho, Nebokadnezara, dia midera, manandratra, ary manome voninahitra ilay Mpanjakan'ny lanitra ankehitriny, fa marina ireo asany, ary mahitsy ny lalany. Afaka mampietry ireo izay mandeha amin'ny fiavonavonany Izy.

5 [1]Nanao fanasana lehibe ho an'ireo tandapa arivo lahy i Belsazara mpanjaka, ary nisotro divay teo anoloan'ireo arivo lahy rehetra izy. [2]Raha nanandrana ilay divay i Belsazara, dia nanome baiko mba hitondrana ny tavoara vita amin'ny volamena na volafotsy izay nalain'i Nebokadnezara rainy tao an-tempoly tao Jerosalema, izay tamin'izany izy, ireo tandapany, ary ireo vadiny sy ny vaditsindranony no nisotro.
[3]Naka ireo tavoara volamena izay efa navoaka avy tao an-tempoly, tranon'Andriamanitra, tao Jerosalema ireo mpanompo. Ary tamin'ireo no nisotroan'ny mpanjaka, ireo tandapany, ary ireo vadiny sy ireo vaditsindranony. [4]Nisotro divay izy ireo ary nidera ireo sampin'izy ireo izay vita tamin'ny volamena sy volafotsy, varahina, vy, hazo, ary vato.
[5]Tamin'izany fotoana izany dia nisy rantsan-tanan'olona niseho teo anoloan'ny fitoeran-jiro ary nanoratra teo amin'ny rindrina voalalotra tao an-dapan'ny mpanjaka. Nahita ny ampahan'ilay tanana ny mpanjaka raha nanoratra izany.[6]Dia niova ny endriky ny mpanjaka ary nampatahotra azy ny eritreriny; tsy nahazaka azy ny tongony, ary niady ny lohaliny.
[7]Niantso mafy ny komandiny ny mpanjaka mba hampiditra ireo izay nilaza fa miresaka amin'ny maty, olona marani-tsaina, ary ireo mpanandro. Niteny tamin'ireo fantatra tamin'ny fahendreny tao Babylona ny mpanjaka hoe: "Na iza na iza manazava io soratra io sy ny dikany dia hampitafiana volomparasy izay ary hanana rojo volamena eo am-bozony. Hanana ny fahefan'ny mpanapaka fahatelo ambony indrindra ao amin'ny fanjakana izy."
[8]Ary dia niditra ireo lehilahin'ny mpanjaka izay fantatra noho ny fahendreny, kanefa tsy nahavita namaky ilay soratra na nanazava ny dikany tamin'ny mpanjaka izy ireo.[9]Taitra mafy i Belsazara mpanjaka ary niova ny endriky ny tavany. Very hevitra ireo tandapany.
[10]Ary niditra tao amin'ny trano fanasana ny mpanjaka vavy nohon'ny zavatra notenenin'ny mpanjaka sy ireo tandapany. Dia hoy ny mpanjaka vavy hoe: "Ho ela velona anie ny mpanjaka! Aza avela hanakorontana anao ny eritreritrao. Aza avela hiova ny endriky ny tavanao.
[11]Misy lehilahy izay manana ny fanahin'ireo andriamanitra masina eto amin'ny fanjakanao. Tamin'ny andron'ny rainao, dia hita tao aminy ny fahazavana sy ny fahazavan-tsaina ary fahendrena tahaka ny fahendren'ireo andriamanitra. Nebokadnezara mpanjaka, mpanjaka rainao, nanao azy ho lehiben'ireo ombiasy, ary lehiben'ireo miresaka amin'ny maty, sy an'ireo olona marani-tsaina, ary an'ireo mpanandro. [12]Fanahy tsara dia tsara, fahalalana, fahazavan-tsaina, fandikana nofy, fanazavana teny sarotra ary famahana olana_ireo hatsarana ireo dia hita tao amin'izany lehilahy Daniela izany, izay nantsoin'ny mpanjaka hoe Beltesazara. Koa ankehitriny mampiantsoa an'i Daniela dia holazainy aminao ny dikan'izay voasoratra."
[13]Ary dia nentina teo anatrehan'ny mpanjaka i Daniela. Hoy ny mpanjaka taminy hoe: "Ianao izany Daniela izany, iray amin'ireo vahoaka sesin-tanin'i Joda, izay nentin'ny raiko niala tao Joda. [14]Efa reko ny momba anao, fa ao aminao ny fanahin'ireo andriamanitra, ary ny hazavana sy fahazavan-tsaina ary fahendrena tsara dia tsara dia hita ao aminao.
[15]Efa nampidirina teo anoloako mba hamaky io soratra io sy hampahafantatra ahy ny dikany ireo lehilahy fantatra amin'ny fahendrena sy ireo izay miresaka amin'ny maty, kanefa tsy nahavita nampahafantatra ny dikan'izany izy ireo.
[16]Efa nahare aho fa afaka manome fandikana sy mamaha olana ianao. Koa raha hainao ny mamaky ilay soratra ary milaza amiko ny dikany, dia hampitafiana volomparasy ianao ary hasiana rojo volamena eo am-bozonanao, ary hahazo ny fahefana mpanapaka fahatelo avo indrindra eto amin'ny fanjakana ianao."

[17]Dia namaly teo anoloan'ny mpanjaka i Daniela hoe: "Aoka ho anao ihany ny fanomezanao, ary omeo olon-kafa ny valisoanao. Na dia izany aza, dia hovakiko aminao ny soratra, ry mpanjaka, ary holazaiko aminao ny heviny. [18]Ny aminao, ry mpanjaka, ny Andriamanitra Avo Indrindra nanome an'i Nebokadnezara rainao ny fanjakana, ny fahalehibiazana, haja, sy voninahitra. [19]Nohon'ny fahalehibeazana nomen'Andriamanitra azy, dia nangovitra sy natahotra azy ny vahoaka rehetra, ny firenena, ary ny fiteny samihafa. Namono izay tiany hovonoina izy, ary namela ho velona izay tiany ho velona. Nasandrany izay tiany, ary naetriny izay niriany haetry.
[20]Fa rehefa niavonavona ny fony ary nihamafy ny fanahiny mba hanaovany zavatra sahisahy, dia nesorina teo amin'ny seza fiandrianana maha mpanjaka azy izy, ary nesorin'izy ireo ny voninahiny. [21]Noroahina tamin'ny olombelona izy, nanana saim-biby izy, ary niara-niaina tamin'ireo borikidia izy. Nihinan'ahitra tahaka ny omby izy. Kotsan'ny andon'ny lanitra ny vatany mandra-pahafantarany fa ny Andriamanitra Avo Indrindra no manapaka eo amin'ny fanjakan'ny vahoaka ary manendry izay tiany hapetraka eo amin'izany Izy.
[22]Ianao zanany lahy, ry Belsazara, dia tsy nanetry ny fonao, na dia nahafantatra izany rehetra izany aza ianao. [23]Efa nanandra-tena hanohitra ny Tompon'ny lanitra ianao. Avy tao an-tranony no nitondranao ireo tavoara izay nisotroanao, ireo tandapanao, ireo vady sy ireo vaditsindranonao, ary nanompo ireo sampy vita tamin'ny volafotsy sy volamena, varahina, vy, hazo, ary vato—sampy izay tsy mahita, mandre, na mahalala na inona na inona ianao. Tsy nanome voninahitra an'Andriamanitra izay mitazona ny fofon'ainao eo am-pelatanany sy mahalala ny lalanao rehetra ianao. [24]Ary Andriamanitra nandefa tanana avy amin'ny fanatrehany ka vita izao soratra izao.
[25]Ny teny voasoratra dia izao: 'Mene, Mene, Tekela, ary Oparesina.' [26]Izao no heviny: 'Mene,' 'Voaisan'Andriamanitra ny nanjakanao ary nitondra izany ho amin'ny fiafarana Izy.' [27]'Tekela,' 'Lanjaina eo amin'ny mizàna ianao ary hita fa latsa-danja.' [28]'Peresa,' 'Zaraina sy omena ho an'ireo Mediana sy ireo Persiana ny fanjakanao.'"
[29]Dia nanome baiko i Belsazara, ary nampiakanjo volomparasy an'i Daniela izy ireo. Natao teo am-bozony ny rojo volamena, ary nanao fanambarana momba azy ny hahazoany ny fahefana mpanapaka fahatelo avo indrindra teo amin'ny fanjakana ny mpanjaka. [30]Tamin'iny alina iny, dia maty i Belsazara, mpanjakan'ny Babyloniana, [31]ary i Dariosy ilay Mediana no nandray ny fanjakana raha teo ho eo amin'ny roa amby enipolo taona izy.

6 [1]Nahafaly an'i Dariosa ny nanendry governora 120 isam-paritany nanerana ny fanjakana izay hanapaka manerana ny fanjakana rehetra. [2]Nisy komandy lehibe telo teo amin'izy ireo, ary iray tamin'ireo i Daniela. Ireo komandy lehibe ireo dia voatendry mba hanara-maso ireo governora isam-paritra, mba tsy ho faty antoka ny mpanjaka. [3]Niavaka ambonin'ireo komandy lehibe hafa sy ireo governora isam-paritra i Daniela satria nanana fanahy miavaka izy. Nanao drafitra ny hametraka azy manerana ny fanjakana rehetra ny mpanjaka.
[4]Avy eo ireo mpitan-draharaha lehibe hafa sy ireo governora isam-paritany nitady hadisoana tamin'ny asa nataon'i Davida ho an'ny fanjakana, saingy tsy nahita kolikoly na tsy fahombiazana tamin'ny asany izy ireo satria nahatoky izy. Tsy nisy fahadisoana na tsirambina hita taminy. [5]Dia hoy ireo lehilahy ireo hoe: "Tsy mahita antony tokony hitarainana ity Daniela ity izahay raha tsy hoe mahita zavatra manohitra azy araka ny lalàn'ny Andriamaniny izahay."
[6]Dia nitondra tetika teo anoloan'ny mpanjaka ireo mpitan-draharaha sy governora. Hoy izy ireo taminy hoe: "Ry Dariosa mpanjaka, ho velona mandrakizay anie ianao! [7]Ireo mpitan-draharaha lehibe rehetra tao amin'ny fanjakana, ireo governora isam-paritra, sy ireo governora isam-paritany, ireo mpanolotsaina, ary ireo governora dia niara-nifampidinika ary nanapa-kevitra fa ianao, mpanjaka, dia tokony hamoaka didy ary hanamafy izany, ka na iza na iza manao fanangonan-tsonia amin'ny andriamanitra rehetra na olombelona mandritra ny telopolo andro, ankoatra anao, ry mpanjaka, dia tsy maintsy hatsipy ao an-davaky ny liona izany olona izany.
[8]Ankehitriny, ry mpanjaka, mamoaha didy ary soniavo ny taratasy mba tsy hanovàna izany, araka ny voatondron'ny lalàn'ny Mediana sy Persiana, ka tsy afaka foanana izany." [9]Koa dia nosoniavin'i Dariosa mpanjaka ny taratasy namadihana ilay didy ho lalàna.
[10]Rehefa fantatr'i Daniela fa voasonia ho lalàna ilay taratasy, dia nandeha tany an-tranony izy (ary nisokatra ireo varavarakeliny tany amin'ny efitra ambony nifanandrify tamin'i Jerosalema), ary nandohalika izy, toy ny fanaony in-telo anatin'ny iray andro, ary nivavaka sy nisaotra nanoloana ny Andriamaniny izy, toy ny efa nataony tany aloha. [11]Avy eo ireo lehilahy izay niara-nanao teti-dratsy ireo nahita an'i Daniela nanao fangatahana sy nitady fanampiana avy amin'Andriamanitra.
[12]Avy eo izy ireo nanatona ny mpanjaka ary niresaka taminy momban'ny didiny hoe: "Moa tsy nanao didy ve ianao fa izay rehetra manao sonia amin'ny andriamanitra rehetra na olombelona mandritra ny telopolo andro manaraka, ankoatra anao, ry mpanjaka, dia tsy maintsy atsipy ao an-davaky ny liona?" Namaly ny mpanjaka hoe: "Voapetraka ny raharaha, araky ny voatondron'ny lalàn'ny Mediana sy Persiana; tsy afaka foanana izany."
[13]Dia namaly ny mpanjaka izy ireo hoe: "Izany Daniela izany, izay iray amin'ireo olona avy an-tsesi-tany tany Joda, dia tsy miraharaha anao, ry mpanjaka, na ny didy izay nosoniavinao. Mivavaka amin'ny Andriamaniny in-telo izy ao anatin'ny iray andro." [14]Rehefa nandre izany ny mpanjaka, dia nalahelo mafy izy, ary nandefa fisainana ny hanavotra an'i Daniela amin'ny fanapahany. Niasa mandra-podin'ny masoandro izy mba hiezaka hanavotra an'i Daniela.
[15]Avy eo ireo lehilahy izay nanao teti-dratsy ireo niangona niaraka tamin'ny mpanjaka ary nanao taminy hoe: "Fantaro, ry mpanjaka, fa lalàn'ny Midiana sy Persiana izany, ary tsy afaka ovaina ny lalàna na didy izay nataon'ny mpanjaka."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Dia nanome baiko ny mpanjaka, ary nentin'izy ireo niditra Daniela, ka natsipin'izy ireo tao an-davaky ny liona izy. Hoy ny mpanjaka tamin'i Daniela hoe: "Hanavotra anao anie, ny Andriamanitrao, izay tompoinao mandrakariva."
[17]Nisy vato nentina teo amin'ny fidirana mankany amin'ilay lavaka, ary nanisy tombo-kase izany tamin'ny perany ny mpanjaka sy tamin'ireo peratra fanombohan-kasen'ireo manan-kajany mba tsy hisy hiova ny mahakasika an'i Daniela izy. [18]Avy eo nandeha tany amin'ny lapany ny mpanjaka ary nandia ny alina nifady hanina. Tsy nisy fialam-boly nentina teo anoloany, ary lasa ny torimasony.
[19]Avy eo vao mangiran-dratsy dia nitsangana ny mpanjaka ary nandeha faingana tany an-davaky ny liona. [20]Raha nanakaiky ny lavaka izy, dia niantso an'i Daniela tamin'ny feo malahelo, nanao tamin'i Daniela hoe: "Ry Daniela, mpanompon'ilay Andriamanitra velona, moa tsy afaka nanavotra anao tamin'ireo liona ny Andriamanitrao, izay tompoinao mandrakariva?"
[21]Dia hoy Daniela tamin'ny mpanjaka hoe: [22]"Ry mpanjaka, ho velona mandrakizay anie ianao! Efa nandefa ny mpitondra hafany Andriamanitra ary nanakatona ny vavan'ny liona, ary tsy nandratra ahy izy ireo. Fa tsy misy tsiny teo anatrehany aho sy teo anoloanao ihany koa, ry mpanjaka, ary tsy nanao ratsy anao aho."
[23]Avy eo dia faly tanteraka ny mpanjaka. Nanome baiko ny hampakaran'izy ireo an'i Daniela avy ao an-davaka izy. Noho izany dia nampiakarina avy tao an-davaka Daniela. Tsy nisy ratra hita taminy, satria nahatoky ny Andriamaniny izy.
[24]Nanome baiko ny mpanjaka, ary nentiny ireo lehilahy izay niampanga an'i Daniela ireo ary natsipin'izy ireo tao an-davaky ny liona—izy ireo sy ny zanak'izy ireo, ary ny vadin'izy ireo. Mialohan'ny nahatongavan'izy ireo tamin'ny tany, dia nandresy azy ireo ny liona ary namotika ny taolana rehetran'izy ireo. [25]Avy eo Dariosa mpanjaka nanoratra tamin'ny olona rehetra, ireo firenena, ary ireo fiteny izay misy eto an-tany rehetra hoe: "Hampitomboina aminao anie ny fiadanana.
[26]Izao aho dia manao didy fa amin'ny fanapahana rehetra amin'ny fanjakako dia mangovitra sy matahotra eo anatrehan'i Andriamanitr'i Daniela ny olona, satria Izy no Andriamanitra velona sy miaina mandrakizay, ary ny fanjakany dia tokony tsy ho ravaina; ny fanapahany dia tokony ho hatramin'ny farany. [27]Miaro antsika sy manavotra antsika Izy, ary manao famantarana sy fahagagana any an-danitra sy eto an-tany Izy; niaro an'i Daniela ho avotra tamin'ny herin'ireo liona Izy."
[28]Noho izany dia nambinina nandritra ny fitondran'i Dariosa sy nandritra ny fitondran'i Kyrosy ilay Persiana i Daniela.

7 [1]Tamin'ny voalohan-taonan'i Belsazara mpanjakan'i Babylonia, dia nanofy sy nahazo fahitana tao an-tsainy i Daniela raha nandry teo amin'ny fandriany izy. Avy eo dia nanoratra izay hitany tao amin'ny nofiny izy. Nanoratra ireo tranga manan-danja indrindra izy: [2]Nanazava i Daniela hoe: "Tao anatin'ilay fahitako tamin'ny alina dia nahita ireo rivotra efatry ny lanitra aho ka nampihetsika ny ranomasim-be. [3]Biby lehibe efatra, samihafa karazana avy, no niakatra avy tao amin'ny ranomasina.
[4]Ilay voalohany dia tahaka ny liona fa manana elatra voromahery. Raha nijery aho, rovitra ireo elany ary miainga amin'ny tany izany ka mitsangana amin'ny tongotra roa, tahaka ny olona. Nomena izany ny fisainan'ny olona. [5]Avy eo dia nisy biby faharoa, tahaka ny bera, ary niondrika izany; nanana taolan-tehezana telo eo anelanelan'ny nifiny sy ny vavany izany. Notenenina izany hoe: 'Mifohaza ary mandrapaha olona maro.'
[6]Taorian'izany dia nijery indray aho. Nisy biby iray hafa, iray izay miendrika tahaka ny leoparda. Teo an-damosin'izany dia nisy elatra efatra tahaka ny elatry ny vorona, ary nanana loha efatra izany. Nomena fahefana hanapaka izany.
[7]Taorian'izay dia nahita biby fahefatra tao anatin'ilay nofiko tamin'ny alina aho, nampihorohoro, nampitahotra, ary tena natanjaka. Nanana nify vy lehibe izy; nandrapaka izany, namotipotika, ary nanitsakitsaka izay tavela amin'ny tongotra. Izany dia tsy nitovy amin'ireo biby hafa, ary nanana tandroka folo izy.
[8]Raha nandinika ireo tandroka aho, dia nijery ary nahita tandroka hafa maniry eo amin'izany, tandroka kely iray. Ny telo amin'ireo tandroka voalohany dia nivoaka tamin'ny fakany. Nahita maso tahaka ny mason'olona tao anatin'io tandroka io aho ary vava izay nirehareha momba ireo zavatra lehibe.
[9]Raha nijery aho, dia nipetraka tamin'ny toerany ireo seza fiandrianana, ary ireo Andro Fahagola no naka ny fitoerany. Fotsy tahaka ny oram-panala ny akanjony, ary ny volon-dohany dia tahaka ny volon'ondry tsy mifangaro. Lelan'afo no seza fiandrianany, ary ireo kodiany dia afo mirehitra.
[10]Nikoriana nivoaka avy teo anoloany ny loharanon'afo; an-tapitrisany no nanompo azy, ary zato tapitrisa no nitsangana eo anatrehany. Nivory ny fitsarana, ary nisokatra ireo boky.
[11]Mbola nijery hatrany aho nohon'ny fireharehan'ireo teny nolazain'ireo tandroka. Nijery aho raha iny mbola novonoina iny ilay biby, ary nosimbaina ny vatany, ka natolotra mba ho dorana izany. [12]Ary ny sisa tamin'ireo biby efatra, dia nalàna ny fahefan'izy ireo hanapaka, kanefa nalavaina ny fehim-potoana hiainan'izy ireo.
[13]Tao anatin'ilay fahitako io alina io, dia nahita olona iray tonga niaraka tamin'ireo rahon'ny lanitra tahaka ny zanak'olona aho; tonga teo amin'ireo Andro Fahagola izy ary naseho teo anatrehany. [14]Nomena azy ny fahefana hanapaka sy voninahitra ary hery fiandrianana mba hanompo azy ireo olona rehetra, ireo firenena, ary ireo fiteny isan-karazany. Ny fahefany hanapaka dia fahefana mandrakizay izay tsy ho levona, ary ny fanjakany dia ilay tsy ho rava mandrakizay.
[15]Raha ny amiko, Daniela, dia malahelo ato anatiko ny fanahiko, ary ireo fahitana izay hitako tao an-tsaiko dia mampangovitra ahy. [16]Nanatona ny iray tamin'ireo nitsangana tany aho ary nangataka taminy mba hampisehoany ahy ny dikan'ireo zavatra ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Ireo biby lehibe ireo, efatra raha isaina, dia mpanjaka efatra izay hisandratra avy amin'ny tany. [18]Fa ireo olomasin'ilay
Avo Indrindra dia handray fanjakana, ary hanana izany ho fananana mandrakizay doria izy ireo.'
[19]Ary te hahafantatra bebe kokoa momba ilay biby fahefatra aho—tena hafa tokoa amin'ireo hafa izany ary tena
mampiori-koditra tokoa amin'ilay nifiny vy sy ireo hoho varahina; mandrapaka izany, mamotipotika, ary manitsakitsaka
amin'ny tongony izay tavela. [20]Te-hahafantatra momba ireo tandroka folo eo an-dohany aho, ary momba ilay tandroka
hafa izay nitombo, ary nisy tandroka telo potraka teo alohany. Te-hahafantatra momba ilay tandroka izay mana-maso ary
momba ilay vava izay mirehareha momba ireo zavatra lehibe aho ary toa lehibe mihoatra noho ireo namany izany.
[21]Raha nijery aho, io tandroka io dia mikarama an'ady manohitra ireo olomasina ary naharesy azy ireo [22]mandra-
pihavian'ireo Andro Fahagola, ary ny fahamarinana dia nomena ireo olomasin'ilay Avo Indrindra. Avy eo dia tonga ny
fotoana rehefa nandray ny fanjakana ireo olomasina.
[23]Izao no nolazain'ilay olona: 'Raha ny amin'ilay biby fahefatra, ho fanjakana fahefatra amin'ny tany izay ho hafa
amin'ireo fanjakana hafa rehetra izany. Handrapaka ny tany iray manontolo izany, hanitsaka sy handrava azy ho
potipotiny. [24]Raha ny amin'ireo tandroka folo, mpanjaka folo no hisandratra avy amin'io fanjakana io, ary iray hafa no
hisandratra aorian'izy ireo. Ho hafa amin'ireo teo aloha izany, ary handresy ireo mpanjaka telo izy.
[25]Hilaza teny manohitra an'ilay Avo Indrindra izy ary hampahory ireo olomasin'Andriamanitra Avo Indrindra. Hiezaka
hanova ireo fankalazana sy ireo lalàna izy. Ireo zavatra ireo dia homena eo an-tanany mandritra herin-taona, roa taona,
ary tapa-taona. [26]Fa hivory ny fitsarana, ka haka ny herin'ny fiandrianana mba ho simba sy ho rava any amin'ny farany
izy ireo.
[27]Ny fanjakana sy ny fanapahana, ary ny halehibiazan'ny fanjakana eo ambanin'ny lanitra manontolo, dia homena ireo
olona izay an'ireo olomasin'ilay Avo Indrindra. Ny fanjakany dia fanjakana maharitra mandrakizay, ary ireo fanjakana
hafa rehetra dia hanompo sy hankato azy.' [28]Inty no faran'ny tranga. Raha ny amiko, Daniela, nanaitra ahy tanteraka ireo
eritreritro ary niova endrika ny tavako. Fa notazomiko ho ahy irery ireo zavatra ireo."

8 [1]Tamin'ny taona fahatelo nanjakan'i Belsazara Mpanjaka, izaho, Daniela, dia nisy fahitana niseho tamiko (tao
aorinan'ilay iray izay niseho tamiko tamin'ny voalohany). [2]Hitako tamin'ilay fahitana, raha nijery aho, dia tao anatin'ny
fiarovana mafin'ny Sosana tany amin'ny faritanin'i Elama aho. Hitako tao amin'ilay fahitana fa nanatrika ny
Lakandranon'ny Olay aho.
[3]Nijery ambony aho ary nahita ondrilahy niaraka tamin'ny tandroka roa teo anoloako aho, nitsangana teo akaikin'ny
lakan-drano. Ny tandroka iray dia lava noho ny ilany, fa ilay lavalava iray nitombo tsimoramora noho ilay fohifohy ary
nihoatra ny halavan'izany. [4]Nahita ilay ondrilahy nirifatra niankandrefana, avy eo nianavaratra, ary avy eo nianatsimo
aho; tsy nisy biby hafa afaka nitsangana nanoloana azy. Tsy nisy tamin'izy ireo afaka namonjy izay hiala tao an-tanany.
Nanao izay tiany rehetra izy, ary tonga lehibe tokoa.
[5]Raha nisaintsaina momba izany aho, dia nahita osy lahy tonga avy any andrefana, izay nandeha nanerana ny velaran-
tany manontolo, nihazakazaka mafy, toa tsy mitehi-tany. Nanan-tandroka lava teo anelanelan'ny masony ilay osy.
[6]Nankeo amin'ilay ondrilahy izay nanana tandroka roa izy— nahita ny ondrilahy nitsangana teo amin'ny sisin'ny lakan-
drano aho—ary ny osy nihazakazaka ho eny amin'ny ondrilahy tamim-pahatezerana mahery vaika.
[7]Nahita ilay osy nanakaiky ilay ondrilahy aho. Tezitra mafy tamin'ilay ondrilahy izy, ary namely ilay ondrilahy ka
namotika ireo tandrony roa. Tsy ampy hery ilay ondrilahy mba hijoro manatrika azy. Ilay osy nanongana azy tamin'ny
tany ka nanitsakitsaka azy. Tsy nisy afaka namonjy ilay ondrilahy tamin'ny heriny. [8]Niha-goavana ilay osy avy eo. Fa
rehefa niha-nahery izy, dia vaky ilay tandroka lava, ary tamin'ny toeran'iny dia nisy tandroka lava efatra hafa nitombo
izay nanondro manandrify ny rivotra efatry ny lanitra.
[9]Nisy tandroka hafa nitsiry, kely tamin'ny voalohany, fa tonga lehibe tokoa tany atsimo, tany atsinanana, ary tany amin'ny
tanin'ny hatsarana. [10]Tonga lehibe tokoa izany tahaka ny hirotsaka an'ady miaraka amin'ny tafiky ny lanitra. Ny sasany
tamin'izany tafika izany sy ny sasany tamin'ireo kintana dia nazera tamin'ny tany, ary nanitsakitsaka azy ireo izany.
[11]Nanao ny tenany ho lehibe tahaka ny mpifehy ny tafika izy, ary nanaisotra taminy ny sorona dorana tsy tapaka izany,
ary ny fitoerana masiny dia voaloto. [12]Noho ny fikomiana, dia homena ny tandroky ny osy ny tafika, ary hatsahatra ny
fanatitra dorana. Harian'ny tandroka amin'ny tany ambany ny fahamarinana, ary hahomby amin'izay ataony izany.
[13]Ary naheno masina niteny aho ary iray masina hafa namaly azy: "Hafiriana no haharetan'ireo zavatra ireo, io fahitana
momba ny fanatitra dorana io, ny fahotana izay mitondra faharavana, ny fanjakazakana eo amin'ny fitoerana masina,
ary ny tafiky ny lanitra izay voahitsakitsaka?" [14]Hoy izy tamiko: "Haharitra 2. 300 hariva sy maraina izany. Aorian'izany
dia hapetraka tsara ny fitoerana masina."
[15]Rehefa nahita ny fahitana, izaho, Daniela, dia niezaka nahatakatra izany aho. Ary nisy iray toa miendrika ho olona
nitsangana nanoloana ahy. [16]Naheno feon-dehilahy niantso teo anelanelan'ny sisin'ny Lakan-drano Olay aho. Hoy Izy: "Ry
Gabriela, ampio io lehilahy io hahatakatra ny fahitana." [17]Ka nanakaiky teo amin'izay nitsanganako izy. Rehefa tonga izy,
natahotra aho ary nanodrika ny tenako tamin'ny tany. Hoy izy tamiko: "Mahatakara, ry zanak'olona, fa ny fahitana dia ho
amin'ny fotoana farany."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[18]Rehefa niresaka tamiko izy, dia lavo tao anaty torimaso lalina aho miaraka amin'ny tavako amin'ny tany. Ary nikasika ahy izy ary nampitsangana ahy. [19]Hoy izy: "Indro, hasehoko anao izay hitranga aty aoriana amin'ny fotoan'ny fahatezerana, satria ny fahitana dia mikasika ny fotoana voatondro ho amin'ny farany.
[20]Fa ny rameva izay hitanao, ilay nanana tandroka roa—ireo no mpanjakan'i Media sy Persia. [21]Ilay ondry lahy dia ny mpanjakan'i Grisia. Ny tandroka lava teo anelanelan'ireo masony no ilay mpanjaka voalohany.
[22]Raha ny amin'ilay tandroka izay tapaka, teo amin'ny toerana izay nipoiran'ireo efatra hafa—hisy fanjakana efatra hipoitra amin'ny fireneny, fa tsy amin'ny heriny lehibe. [23]Amin'ny fotoana farany an'ireo fanjakana ireo, rehefa hahatratra ny fetrany ireo mpamadika, dia hisy mpanjaka masia-tarehy, izay tena manan-tsaina, hitsangana.
[24]Ho lehibe tokoa ny heriny—fa tsy tamin'ny heriny manokana. Ho gaga amin'izay ho ravàny izy; hiasa izy ary hahomby. Handrava vahoaka mahery izy, vahoaka eo amin'ireo izay masina. [25]Amin'ny alalan'ny hafetsifetseny no hanaovany fitaka mahomby ambanin'ny tanany. Ho tonga lehibe amin'ny eritreriny ihany izy. Handrava olona maro tsy ampoizina izy. Hitsangana izy na dia hanohitra ny Mpanjakan'ireo mpanjaka aza, ary ho potika izy, fa tsy mba amin'ny alalan'ny tanan'olombelona.
[26]Ny fahitana momba ireo hariva sy ireo maraina izay efa voalaza dia marina. Fa asio tombokase ny fahitana, fa manondro andro maro amin'ny hoavy izany."
[27]Koa izaho, Daniela, dia reraka ary dia nandry nalemy nandritra ny andro maromaro. Ary nifoha aho, ka nandeha tamin'ny raharahan'ny mpanjaka. Fa rikoriko tamin'ny fahitana aho, ary tsy nisy iray ka nahatakatra izany.

9 [1]Dariosy dia zanaka lahin'i Ahasoerosy, taranaky ny Mediana. Ahasoerosy no efa natao mpanjaka teo amin'ny faritr'ireo Babiloniana. [2]Ary tamin'ny taona voalohany nanjakan'i Dariosy, izaho Daniela, nianatra ireo boky mirakitra ny tenin'i Yaveh, teny izay efa tonga tamin'i Jeremia mpaminany. Nandinika aho fa tokony nisy fitopolo taona hatramin'ny nandaozana an'i Jerosalema.
[3]Natodiko tamin'ny Tompo Andriamanitro ny tavako, mba hitady Azy amin'ny fivavahana sy fangatahana, amin'ny fifadian-kanina, fiakanjoana lamba fisaonana, ary fipetrahana amin'ny lavenona. [4]Nivavaka tamin'i Yaveh Andriamanitro aho, ary nanao fiaiken-keloka tamin'ireo fahotantsika. Hoy aho hoe: "Tompo o—Ianao no lehibe sady Andriamintra mahatalanjona—Ianao ilay tokana mitandrina ny fanekena ary mahatoky amin'ny fitiavana ireo izay tia anao sy mitandrina ireo didinao.
[5]Efa nanota izahay ary efa nanao ny tsy mety. Efa nanao fitondra-tena ratsy sy nikomy izahay, niala tamin'ny didinao sy ireo fitsipikao. [6]Tsy nihaino ireo mpaminany mpanomponao izay niteny tamin'ny anaranao tamin'ny mpanjakanay izahay, ireo mpitarika anay, ireo razambeanay, ary ireo vahoakan'ny tany rehetra.
[7]Anao, ry Tompo, ny fahamarinana. Kanefa, ho anay anio, ny henatra eo amin'ny tavanay—ho an'ny vahoakan'ny Joda sy ireo izay monina any Jerosalema, ary ho an'ny Israely rehetra. Anisan'izany ireo izay akaiky sy ireo izay lavitra indrindra any amin'ny tany rehetra izay nandefasanao azy ireo. Izany dia noho ny fitaka lehibe izay nataonay hanohitra Anao. [8]Ho anay, ry Yaveh, eo amin'ny tavanay ny henatra—ho an'ireo mpanjakanay, ho an'ireo lehibenay, ary ho an'ireo razambenay—satria efa nanota taminao izahay.
[9]An'ny Tompo Andriamanitray ny fangoram-po sy ny famelan-keloka, fa efa nikomy hanohitra Azy izahay. [10]Izahay dia tsy nankatò ny feon'i Yaveh Andriamanitray tamin'ny fandehanana araka ny lalàny izay nomeny anay tamin'ny alalan'ireo mpaminany mpanompony. [11]Ny Israely rehetra dia efa nandika ny lalànao ka niala, nandà tsy hankatò ny feonao. Ny ozona sy ny fianianana izay voasoratra ao amin'ny lalàn'i Mosesy, ny mpanompon'Andriamanitra, efa naidina taminay, satria efa nanota taminy izahay.
[12]Yaveh efa nanamafy ny teny izay nolazainy manohitra antsika sy manohitra ny fitsipika teo amintsika, tamin'ny fitondrana loza teo amintsika. Fa tsy nisy zava-bita azo ampitahaina amin'ny natao tamin'i Jerosalema teo amin'ny ambany lanitra manontolo. [13]Araka ny voasoratra ao amin'ny lalàn'i Mosesy, no hiavian'izany loza rehetra izany amintsika, fa mbola tsy nitalaho ny famindram-po avy tamin'i Yaveh Andriamanitray tamin'ny fialàna tamin'ireo helokay sy hahitanay ny fahamarinanao izahay. [14]Ka noho izany dia notehirizin'i Yaveh ho vonona ny loza ary efa nentiny teo aminay izany, satria Yaveh Andriamanitray dia marina amin'ny asa rehetra izay ataony, kanefa mbola tsy nankatò ny feony ihany izahay.
[15]Koa, ry Tompo Andriamanitray, nentinao nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta ny vahoakanao tamin'ny tanana mahery, ary efa nanao anarana fanta-daza ho an'ny tenanao Ianao, toy izao andro anio izao. Fa mbola nanota ihany izahay; efa nanao ireo zava-dratsy. [16]Ry Tompo, noho ireo asa marinao, dia aoka ny hatezeranao sy ny fahaviniranao hiala amin'i Jerosalema tanànanao, ilay tendrombohitrao masina. Fa noho ireo fahotanay, sy noho ny helok'ireo razambenay, dia lasa antom-pahafam-baraka ho an'izay manodidina anay i Jerosalema sy ireo vahoakanao.
[17]Ankehitriny, ry Andriamanitray, mihainoa ny vavaky ny mpanomponao sy ny fitalahoany famindram-po; fa noho ny aminao, Tompo o, dia ampamirapirato eo amin'ny fitoeranao masina izay rava ny tavanao. [18]Andriamanitro o, sokafy ny sofinao ka mihanoa; sokafy ny masonao ka mijere. Efa simba rava izahay; jereo ny tanàna izay nantsoina avy amin'ny anaranao. Tsy mitalaho ho an'ny fanampianao izahay noho ny fahamarinanay, fa noho ny famindram-ponao lehibe.
[19]Tompo o, mihainoa! Tompo o, mamelà heloka! Tompo o, mihainoa ka mihetseha! Noho ny Aminao manokana, aza ela, ry Andriamanitro, fa ny tanànanao sy ny vahoakanao dia antsoina amin'ny anaranao."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Raha mbola niteny aho—nivavaka sy niaiky ny fahotako sy ny fahotan'Israely vahoakako, ary naneho ny fangatahako teo anatrehan'i Yaveh Andrimanitro ho an'ny tendrombohitra masin'Andriamanitra— [21]raha mbola nivavaka, ilay lehilahy Gabriela, izay hitako tao amin'ny fahitana voalohany, nanidina teo amiko tamin'ny fanidinana haingam-pandeha, tamin'ny fotoan'ny fanatitra hariva.
[22]Nanome fahazavan-tsaina ahy Izy ary nanao hoe: "Ry Daniela, tonga hanome halalin-tsaina sy fahazavan-tsaina ho anao aho izao. [23]Rehefa nanomboka nitalaho famindram-po ianao, dia nomena ny baiko ary tonga aho hilaza aminao ny valiny, fa ianao dia tiana tokoa. Noho izany dia tsarovy izao teny izao ary takaro ny fanambarana.
[24]Fito amby fitopolo amin'ny taona no voadidy ho an'ny vahoakanao sy ny tanànanao masina mba hampitsaharana ny heloka sy hampitsaharana ny fahotana, hanoherana ny faharatsiana, ary hitondrana ny fahamarinana mandrakizay, mba hanatanterahana ny fahitana sy ny faminaniana, ary hanamasinana ny fitoerana masina indrindra. [25]Fantaro ary takaro fa avy amin'ny fivoahan'ny baiko no hamerenana amin'ny laoniny sy hanorenana indray an'i Jerosalema ho an'ny fahatongavan'ilay voahosotra (izay ho mpitarika), hisy fito impito sy roa amby enimpolo impito. Haorina amin'ny lalana sy hady indray i Jerosalema, na dia eo aza ireo fotoam-pahoriana.
[26]Afaka roa amby enim-polo impito amin'ny taona, ilay voahosotra dia ho rava ary tsy hanana na inona na inona. Ny tafiky ny mpanapaka izay ho avy dia handringana ny tanàna sy ny fitoerana masina. Ny fiafaran'izany dia ho tonga miaraka amin'ny tondra-drano, ary hisy ady, eny fa na dia any amin'ny farany aza. Efa voadidy ny fandravana.
[27]Hanamafy ny fanekena amin'ny maro anatin'ny fito iray izy. Amin'ny fisasahan'ny fito dia hampitsahatra ny sorona sy fanatitra Izy. Amin'ny elatry ny fahavetavetana no ho tonga ny olona izay hanao fandravana. Ny fiafarana tanteraka sy ny fahapotehana dia nambara fa haidina amin'izay mpandrava."

10 [1]Tamin'ny taona fahatelo nanjakan'i Kyrosy mpanjakan'i Persia, dia nisy hafatra nambara tamin'i Daniela, izay nantsoina ihany koa hoe Beltesazara. Marina izany hafatra izany. Izany dia momban'ny ady lehibe. Nahatakatra ilay hafatra i Daniela rehefa nahazo faharanitan-tsaina avy amin'ny fahitana izy.
[2]Tamin'izany andro izany, izaho Daniela, dia nisaona nandritra ny telo herinandro. [3]Tsy nihinana hanim-py aho, tsy nihinana hena mihitsy, tsy nisotro divay mihitsy, ary tsy mba nanosotra diloilo tamin'ny tavako mandra-pahavitan'ny telo herinandro manontolo.
[4]Tamin'ny andro fahefatra amby roapolon'ny tamin'ny voalohan'ny volana, raha teo akaikin'ny ony lehibe aho (izany hoe, Hedekela), [5]niandrandra aho ary nahita lehilahy nitafy lamban-drongony, miaraka amin'ny fehikibo vita amin'ny volamena tsy mifangaro avy any Ofaza manodidina ny valahany. [6]Ny vatany dia toy ny topaza, ary ny tarehiny toy ny hazavana. Ireo masony tahaka ny fanilo mirehatra, ary ireo sandriny sy ny tongony toy ny varahina manganohano. Ny feony toy ny feon'olona maro be.
[7]Izaho, Daniela, irery no nahita fahitana, fa ny olona izay teo amiko dia tsy nahita ny fahitana. Na izany aza, tonga teo amin'izy ireo ny horohoro lehibe, ary nandositra nanafina ny tenany izy ireo. [8]Koa izaho irery no sisa teo ary nahita ilay fahitana lehibe. Tsisy hery nitoetra tao amiko; nihasimba nivaloarika ny endriko namiratra, ary tsisy hery nitoetra tao amiko. [9]Dia naheno ireo teniny aho—ary raha naheno azy ireo aho, latsaka tanaty torimaso lalina aho ary ny tarehiko teo amin'ny tany.
[10]Nisy tanana nikasika ahy, ary nampangovitra ny lohaliko sy ny felan'ny tanako. [11]Niteny tamiko ny anjely hoe: "Ry Daniela, lehilahy nohindrahindraina fatratra, fantaro ireo teny izay lazaiko aminao. Mijoroa mahitsy, satria nirahina ho aty aminao aho." Rehefa avy niteny izany hafatra izany tamiko izy, dia nijoro am-pangovitana aho.
[12]Dia hoy izy tamiko: "Aza matahotra, ry Daniela. Nanomboka tamin'ny andro voalohany nahafantaranao izany tao an-tsainao ary nanetrenao tena teo alohan'ny Andriamanitrao, dia efa re ny teninao, ary tonga aho noho ny teninao. [13]Ny andriandahy ao amin'ny fanjakan'i Persia nanohitra ahy, ary niandry ny mpanjakan'ny Persia aho nandritran'ny iraika amby roapolo andro. Fa i Mikaela, anankiray amin'ireo andriana lehibe, no tonga nanampy ahy. [1]
[14]Ankehitriny tonga aho hanampy anao hahatakatra izay hanjo ny vahoakanao amin'ny andro farany. Fa ny fahitana dia ho an'ireo andro mbola ho avy." [15]Rehefa nilaza tamiko tamin'ny fampiasana ireo teny ireo izy, natodiko tamin'ny tany ny tavako ary tsy afaka niteny aho.
[16]Nikasika ny molotro ny olona iray izay tahaka ny zanak'olona, ary nanokatra ny vavako aho ka niteny taminy nitsangana teo anoloako hoe: "Ry Tompoko, nohon'ny fahitana dia ao anaty fahoriana aho; tsy misy hery tavela ato amiko. [17]Mpanomponao aho. Ahoana no hahafahako miresaka amin'ny tompoko? Fa ankehitriny tsy manan-kery aho, ary tsy misy fofon'aina tavela ato anatiko."
[18]Nikasika ahy indray ilay naka endrik'olona ary nankahery ahy. [19]Hoy izy hoe: "Aza matahotra, ry lehilahy nahindrahindra fatratra. Fiadanana anie ho anao! Matanjaha izao, matanjaha!" Raha mbola niresaka tamiko izy, dia nahery aho. Hoy aho hoe: "Aoka ny tompoko no hiteny, fa nankahery ahy ianao."
[20]Dia hoy izy hoe: "Fantatrao ve nahoana aho no tonga eto aminao? Mbola hiverina hiady amin'ny andriandahin'i Persia aho. Rehefa mandeha aho, dia ho avy koa ny andriandahin'i Grisia. [21]Nefa ho lazaiko aminao izay voasoratra ao amin'Ny Bokin'ny Marina. Tsy misy olona mampiseho ny tanjaky ny tenany amiko mba hanohitra azy ireo, afa-tsy Mikaela andriandahinareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe "mpanjakan'i Persia", misy amin'ireo dikan-teny taloha nanao hoe: "Andriandahin'ny mpanjakan'i Persia".

11 [1]Tamin'ny taona voalohany nanjakan'i Dariosy Mediana, dia izaho mihitsy no tonga hanohana sy hiaro an'i Mikaela.
[2]Ho lazaiko aminao ny marina izao. Hisy mpanjaka telo hitsangana any Persia, ary ny fahefatra dia ho mpanefoefo lavitra noho ireo hafa rehetra. Rehefa nahazo hery tamin'ny hareny izy, dia hamporisika ny olon-drehetra hanohitra ny fanjakan'i Gresy.
[3]Hisy mpanjaka mahery hitsangana izay hanapaka fanjakana lehibe tokoa, ary hanao araka izay iriany izy. [4]Rehefa tafatsangana izy, dia ho rava ny fanjakany ary hizara amin'ny rivotra efatry ny lanitra, fa tsy amin'ny taranany manokana, ary tsy amin'ny fahefany fony nanapahany. Fa ny fanjakany dia ho fongotra ho an'ny hafa ankoatra ireo taranany.
[5]Ny mpanjakan'ny Atsimo dia ho lasa matanjaka, saingy ny iray amin'ireo mpifehiny dia hanjary hatanjaka lavitra noho izy ary hanapaka ny fanjakany amin'ny hery lehibe. [6]Taona vitsy aorian'izany, rehefa mety ny fotoana, dia hanao fihavanana izy ireo. Ny zanaka vavin'ny mpanjakan'ny Atsimo ho avy any amin'ny mpanjakan'ny Avaratra hanamafy ny fifanekena. Saingy tsy hahatana ny herin'ny ny sandriny izy, na koa hotafajanona ralehilahy, na ny sandriny. Hafoy izy—izy sy ireo izay nitondra azy, ary ny rainy, sy izay nanohana azy tamin'izany fotoana izany. [1]
[7]Fa hisy rantsana avy amin'ireo fakany hitsangana handimby ny toerany. Hanafika ny tafika izy ary hiditra ao amin'ny fiarovana mafin'ny mpanjakan'ny Avaratra. Hiady amin'izy ireo izy, ka haharesy azy. [8]Hoentiny any Egypta ireo andriamaniny mbamin'ireo sary voasokitra vy ary ireo lovia volafotsy sy volamena sarobidin'izy ireo. Hijanona lavitra ny mpanjakan'ny Avaratra mandritra ny taona maromaro izy. [9]Hananika ny fanjakan'ny mpanjakan'ny Atsimo ny mpanjakan'ny Avaratra, saingy hiala ho any amin'ny taniny izy.
[10]Hivonona ary hanangona tafika lehibe ireo zanany lahy. Hiavy hatrany hatrany izany ary hanafotra ny zava-drehetra; handalo avy eo amin'ny lalana rehetra ho eo amin'ny fiarovany mafy izany.
[11]Hanjary ho tezitra mafy ny mpanjakan'ny Atsimo; handeha ary hiady amin'ny mpanjakan'ny Avaratra izy. Hanangana tafika goavana ny mpanjakan'ny Avaratra, saingy hatolotra eo an-tanany ny tafika. [12]Ho lasa ny tafika, ary ny fon'ny mpanjakan'ny Atsimo hisandratra, ary handavo an'alinalina izy, saingy tsy ho mpandresy.
[13]Hanangana tafika hafa ny mpanjakan'ny Avaratra, goavana noho ilay tamin'ny voalohany. Taona maro aty aoriana, dia ho avy tokoa ny mpanjakan'ny Avaratra miaraka amin'ny tafika goavana voavatsy fitaovana betsaka.
[14]Amin'izany fotoana izany dia maro no hitsangana hanohitra ny mpanjakan'ny Atsimo. Zanaka mpisetrasetra maro eo amin'ny vahoakanao no hametraka ny tenan'izy ireo hahatanteraka fahitana iray, saingy ho tafintohina izy ireo.
[15]Ho avy ny mpanjakan'ny Avaratra, handraraka tany hanaovana tovon-tany, ary hambabo tanàna amin'ny fiarovana mafy. Tsy ho afa-mijoro ny tafiky ny Atsimo, na dia ireo miaramila mahery indrindra aza. Tsy hisy hery ho tafajoro. [16]Fa kosa, izay ho avy no hanao izay iriany hanoherana azy; tsy hisy ho tafatsangana eo amin'ny lalany. Hitsangana eo amin'ny tanin'ny fahatsarana izy, ary ho eo an-tanany ny fandringanana.
[17]Hanomana ny tavany ho avy miaraka amin'ny herin'ny fanjakany rehetra ny mpanjakan'ny Avaratra, ary hisy fifanarahana izay hataony miaraka amin'ny mpanjakan'ny Atsimo hiaraka aminy. Hanome zanaka vavy avy amin'ny vehivavy hampakarina izy mba hamotehana ny fanjakan'ny Atsimo. Fa tsy hahomby na hanampy azy ilay tetika.
[18]Aorian'izany, dia ho liana amin'ny sisin-tany ny mpanjakan'ny Avaratra ary hambabo ny maro amin'izy ireo. Saingy hisy mpifehy hanapitra ny avonavony ary hahatonga ny fireharehany hivadika ho any aminy ihany. [19]Dia ho liana amin'ny fiarovana mafin'ny taniny ihany izy, saingy ho tafintohina izy ka ho lavo; ary tsy ho hita.
[20]Dia hisy olona hitsangana handimby ny toerany izay hampandalo mpamory hetra iray noho ny amin'ny famirapiratan'ny fanjakana. Fa amin'ny andro manaraka eo dia ho torotoro izy, fa tsy amin'ny hatezerana na amin'ny ady.
[21]Olona notsinontsinoavina izay tsy mba homen'ny olona ny voninahitry ny fahefan'ny mpanjaka no handimby ny toerany; ho avy tampoka izy ary haka ny fanjakana an-kafetsena. [22]Hisy tafika iray ho voafaoka tahaka ny safo-drano eo anoloany. Samy ho ringana avokoa izany tafika izany sy ny mpitarika ny fanekena.
[23]Amin'ny fotoana izay hanaovana fifanarahana miaraka aminy, dia hamitapitaka izy; vahoaka vitsy an'isa fotsiny no hahatonga azy hatanjaka. [24]Ho avy any amin'ny faritany manan-karena indrindra tsy hampitandrina akory izy, ary tsy hanao izay nataon'ny rainy na ny raibeny izy. Hampiely ireo voasambotra, ireo babo, ary ireo harena eo amin'ireo mpanaradia azy izy. Hitetika ny fanonganana ny fiarovana mafy izy, fa vetivety ihany.
[25]Hamoha ny heriny izy ary ny fony hanohitra ny mpanjakan'ny Atsimo amin'ny tafika goavana. Hanangana ady amin'ny tafika lehibe, tena mahery ny mpanjakan'ny Atsimo, saingy tsy hiangana izy satria hikononkonona hanohitra azy ny hafa.
[26]Na izay mihinana ny hanim-piny aza dia hitady hamotika azy. Ho voafaoka tahaka ny safo-drano ny tafiny, ary maro amin'izy ireo no ho lavo voavono. [27]Samy hipetraka eo amin'ny latabatra iray ihany ireo mpanjaka ireo, amin'ny fon'izy ireo mikasa hifanao ratsy, hifandainga ao amin'izy ireo, saingy tsy hisy dikany izany. Fa ho avy ny farany amin'ny fotoana izay efa voatondro.
[28]Hiverina any amin'ny taniny miaraka amin'ny harem-be ny mpanjakan'ny Avaratra, miaraka amin'ny fony manohitra ny fanekena masina. Hiasa izy ary hody any amin'ny taniny ihany avy eo.
[29]Amin'ny fotoana voatondro dia hiverina izy ary ho avy hanohitra ny Atsimo indray. Fa amin'ity indray mandeha ity dia tsy ho tahaka ny teo aloha. [30]Fa ho avy hanohitra azy ireo sambon'i Kitima, ary hanjary hatahotra ka hiemotra izy. Ho sosotra amin'ilay fanekena masina izy, ary haneho sitraka amin'ireo izay mahafoy ny fanekena masina.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[31]Hitsangana ny heriny ka hanota-fady ny fiarovana mafin'ny fitoerana masina. Halain'izy ireo ny fanatitra dorana mahazatra, ary hapetrak'izy ireo ny fahavetavetana izay mahatonga faharavana. [32]Ny amin'ireo izay ratsy fanahy tamin'ny fifanekena, dia ho fitahiny ireny ka ho simba toetra. Saingy ireo olona izay mahalala ny Andriamanitr'izy ireo dia hahery ary hiasa.
[33]Ireo izay hendry eo amin'ny olona no hampahalala ny maro. Fa ho lavon-tsabatra sy ny lela afo izy ireo; ho lavo any amin'ny fahababoana sy ny fandrobana mandritra ny andro maro izy ireo. [34]Amin'ny fahalavoan'izy ireo, dia ho vonjena amin'ny famonjena kely sy bitika izy ireo. Hikambana amin'izy ireo am-pihatsarambelatsihy ny maro. [35]Ho lavo ny sasany amin'ireo hendry hany ka ho avy amin'izy ireo ny fandiovana, ny fanasana, ary fanadiovana, ambara-pahatongan'ny fotoana ny farany. Fa mbola ho avy ihany ny fotoana voatondro.
[36]Hanao araka izay iriany ny mpanjaka. Hanandra-tena izy ka hanao ny tenany ho lehibe ambonin'ny andriamanitra rehetra. Hilaza zavatra manohina hanohitra ny Andriamanitry ny andriamanitra izy, fa hahomby ambara-pahatanterahan'ny fahavinirana izy. Fa ho atao izay efa nodidiana. [37]Tsy mba hiraharaha ireo andriamanitry ny razany izy na ilay andriamanitra tsiririritin'ny vehivavy. Ary tsy hiraharaha izay mety ho andriamanitra rehetra izy. Fa hanao ny tenany ho ambonin'ny olon-drehetra izy.
[38]Hankalaza ny andriamanitry ny fiarovana mafy izy fa tsy ireo. Andriamanitra izay tsy neken'ireo razany no homena haja amin'ny volamena sy volafotsy, amin'ny vato soa sy fanomezana sarobidy izany. [39]Hanafika ireo fiarovana mafy indrindra izy amin'ny fanampian'ny andriamani-kafa. Izay rehetra manaiky azy, dia homeny voninahitra be. Hataony mpanapaka eo amin'ny olona maro ireo, ary hozarainy ho valisoa ny tany. [2]
[40]Amin'ny fotoan'ny farany no hanafika ny mpanjakan'ny Atsimo. "Hamely azy amin'ny kalesy sy mpitaingin-tsoavaly, ary sambo maro ny mpanjakan'ny Avaratra. Ho avy hanohitra ireo tany izy, hanenika azy ireo, ary hamakivaky izany.
[41]Handeha any amin'ny tanin'ny fahatsarana izy, ary Israelita an'alinalina no ho lavo. Fa ireto no ho tafandositra amin'ny tanany: Edoma, Moaba, ary ireo sisa tamin'ny vahoakan'i Amona.
[42]Hanitatra ny tanany amin'ireo tany izy; ary tsy havotana ny tany Egypta. [43]Hifehy ny rakitra volamena sy volafotsy izy, ary ny haren'ny Egypta rehetra; ho eo an-tongony ireo Lybiana sy ireo Etiopiana.
[44]Fa hampihorohoro azy ny vaovao avy any atsinanana sy avaratra, ka handeha hivoaka amin'ny fahavinirana lehibe izy mba handravarava tanteraka ary hanokana ny maro ho ringanina. [45]Hametraka ny lain'ny fonenan'ny mpanjakany eo anelanelan'ny ranomasina sy ny tendrombohitry ny fahatsaran'ny fahamasinana izy. Ho tonga amin'ny fiafarany izy, ary tsy hisy hamonjy azy.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony ho "ny sandriny, izay ao amin'ny lahatsoratra Hebreo, maro amin'ireo dika-teny sasany taloha sy ankehitriny no mivaky toy izao: "ny voany", izany hoe: "ireo zanany."
[2]Raha tokony hoe "Hanafika ireo fiarovana mafy indrindra izy", ny dikan-teny vaovao sasany dia misy hoe: "Hiaro ny fiarovana mafiny izy."

---

12 [1]"Amin'izany fotoana izany i Mikaela, ilay andriandahy lehibe izay miambina ny vahoakanareo, dia hitsangana. Hisy fotoan'ny fahoriana izay tsy mbola nisy hatramin'ny niandohan'ny firenena hatramin'izany andro izany. Amin'izany fotoana izany ny vahoakanao dia ho voavonjy, dia izay rehetra hita fa voasoratra anarana ao amin'ny boky. [2]Maro amin'izay mandry amin'ny vovoky ny tany no hitsangana, ny sasany ho amin'ny fiainana mandrakizay ary ny sasany ho amin'ny fahamenarana sy fanamavoana mandrakizay.
[3]Ireo izay hendry dia hamirapiratra toy ny hazavan'ny lanitra ambony, ary ireo hamerina ny maro amin'ny fahamarinana, dia toy ireo kintana mandrakizay doria. [4]Fa ianao, ry Daniela, ahorony ireo teny ireo; tehirizo ho voaisy tombokase ny boky mandra-pahatonga ny fotoanan'ny farany. Maro no hihazakazaka etsy sy eroa, ary hitombo ny fahalalana."
[5]Ary izaho, Daniela, nijery, ka nisy roa hafa nitsangana. Ny iray nitsangana teto amoron'ny ony, ary ny anankiray tetsy ankilany amoron'ny ony. [6]Ny iray tamin'izy ireo niteny tamin'ilay lehilahy miakanjo rongony fotsy, izay teo ambonin'ny ony hoe: "Mandra-pahoviana no hiafaran'ireto zava-mahagaga ireto?"
[7]Reko ilay lehilahy miakanjo rongony fotsy, izay teo ambonin'ny ony—nanandratra ny tanany ankavanana sy ny tanany ankavia tamin'ny lanitra izy ka nihaniana tamin'ilay iray izay velona mandrakizay fa ho fotoana iray, fotoana roa, sy atsasam-potoana izany. Rehefa nopotehina ihany ny herin'ny olona masina, dia ho tanteraka avokoa ireo zavatra rehetra ireo.
[8]Nandre aho, fa tsy nahatakatra. Koa nanontany aho hoe: "Ry tompoko, inona no ho vokatra amin'ireto zavatra rehetra ireto?" [9]Hoy izy: "Mandehana amin'ny lalanao, ry Daniela, fa ny teny dia efa voahorona sy voaisy tombokase mandra-pahatongan'ilay fotoana farany.
[10]Maro no ho diovina, ho voasasa, ary ho voafotsy, fa ny ratsy fanahy hanao faharatsiana. Tsy hisy amin'ny ratsy fanahy hahatakatra, fa ireo izay hendry no hahatakatra. [11]Hatramin'ny fotoan'ny fampitsaharana ny fanatitra dorana mahazatra sy ny fametrahana ny fahavetavetana izay mitondra ny fandravana tanteraka, dia hisy andro 1 290.
[12]Sambatra izay miandry hatramin'ny fiafaran'ny 1. 335 andro. [13]Tsy maintsy mandeha amin'ny lalanao hatramin'ny farany ianao, ary hitsahatra ianao. Hitsangana eo amin'ny toerana voatondro ho anao ianao, amin'ireo andro farany."

Hosea

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

1 [1]Izao no tenin'i Yaveh izay tonga tamin'i Hosea zanaka lahin'i Bery tamin'ny andron'i Ozia, Jotama, Ahaza sy Hezekia, mpanjakan'ny Joda, ary tamin'ny andron'i Jeroboama zanaka lahin'i Joasy, mpanjakan'Israely. [2]Ary Yaveh raha niteny tamin'ny alalan'i Hosea voalohany, dia hoy Izy taminy hoe: "Mandehana, makà vady izay mpijangajanga ho anao. Hanan-janaka izay vokatry ny fijangajangany izy. Fa manao fijangajangana lehibe amin'ny fahafoizana an'i Yaveh ny tany."
[3]Koa dia lasa i Hosea ka nanambady an'i Gomera zanaka vavin'i Diblaima, ary nitoe-jaza izy ka niteraka zazalahy taminy.
[4]Hoy Yaveh tamin'i Hosea hoe: "Ataovy hoe Jezirela ny anarany. Fa ao anatin'ny fotoana fohy dia hanasazy ny ankohonan'i Jeho Aho nohon'ny fandatsahan-drà tany Jezirela, ary hamarana ny fanjakan'ny ankohonan'Israely Aho. [5]Amin'izany andro izany dia ho tapahiko ao amin'ny Lohasahan'i Jezirela ny tsipìkan'Israely."
[6]Nitoe-jaza indray i Gomera ary niteraka zazavavy. Ary hoy Yaveh tamin'i Hosea hoe: "Ataovy hoe Lò-rohama ny anarany, fa tsy hanana indra-fo amin'ny ankohonan'Israely intsony Aho, ka tsy avelako mihitsy ny helok'izy ireo. [7]Fa kosa hanana famindram-po amin'ny ankohonan'i Joda Aho, ary hanavotra azy ireo ny tenako, Yaveh Andriamanitr'izy ireo. Tsy hamonjy azy ireo amin'ny tsipìka, sabatra, ady, soavaly, na mpitaingin-tsoavaly Aho."
[8]Ary rehefa avy nampisara-nono an'i Lò-rohama i Gomera, dia nitoe-jaza ary niteraka zazalahy hafa indray izy. [9]Dia hoy Yaveh hoe: "Ataovy hoe Lò-amy ny anarany, fa ianareo dia tsy vahoakako, ary Izaho tsy Andriamanitrareo.
[10]Fa ny isan'ny ankohonan'Israely kosa dia ho tahaka ny fasika eny amoron-dranomasina, izay tsy hay afatra na isaina. Ary amin'ny toerana izay nitenenana tamin'izy ireo hoe: 'Tsy oloko ianareo,' no hilazana amin'izy ireo hoe: 'Olon'ilay Andriamanitra velona ianareo.' [11]Hiangona ny mponin'i Joda sy ny mponin'Israely. Hanendry mpitarika iray ho azy izy ireo, ary hiakatra avy amin'ny tany izy ireo, fa ho lehibe ny andron'i Jezirela.

2 [1]Lazao amin'ireo rahalahinao hoe: 'Ry vahoakako!' ary amin'ireo anabavinao hoe: 'Efa nanehoana fangorahana ianareo.'"
[2]Manaova fitoriana hanohitra ny reninao, Manaova fitoriana, satria tsy vadiko izy, ary Izaho tsy vadiny. Aoka izy hanala ny fivarotan-tenany tsy ho eo anoloany, sy ireo fihetsika fijangajangany tsy ho eo anelanelan'ny nonony. [3]Raha tsy izany, haboridako izy ka hasehoko ny fitanjahany tahaka ny tamin'ny andro nahaterahany. Hataoko tahaka ny efitra izy, tahaka ny tany karakaina, ary hataoko matin'ny hetaheta izy.
[4]Tsy hanana indra-fo amin'ireo zanany Aho, satria zanaky ny fivarotan-tena izy ireo. [5]Satria ny renin'izy ireo dia efa mpivaro-tena, ary izy izay nitondra vohoka azy ireo dia efa nanao fihetsika mahamenatra. Hoy izy hoe: "Hanaraka ireo olon-tiako aho, satria izy ireo no nanome mofo sy rano ho ahy, ny volon'ondry sy rongoniko, ny diloiloko sy rano."
[6]Noho izany dia hanangana fefy misy tsilo hanakana ny lalany Aho. Hanangana manda hanohitra azy Aho ka tsy hahita ny lalany izy. [7]Hanenjika ireo olon-tiany izy, kanefa tsy hahatratra azy ireo. Hitady azy ireo izy, kanefa tsy hahita azy ireo. Ary hilaza izy avy eo hoe: "Hiverina amin'ny vadiko voalohany aho, satria izany no mety amiko kokoa noho izao."
[8]Satria tsy fantany fa Izaho ilay nanome azy vary, divay vaovao sy diloilo, ary nanafotafo volafotsy sy volamena azy, izay nampiasain'izy ireo ho an'i Bala avy eo. [9]Koa halaiko indray ny variny amin'ny fotoam-pijinjana, ary ny divaiko vaovao amin'ny fotoanany. Halaiko indray ny volon'ondriko sy ny rongoniko izay nampiasaina mba hanafenana ny fitanjahany.
[10]Ary havelako hitanjaka eo imason'ireo olon-tiany izy, ary tsy hisy na iza na iza hahavonjy azy eo an-tanako.
[11]Hampitsahatra ny fankalazany rehetra ihany koa Aho— ireo fanasany, ireo fankalazany ny volana vaovao, ireo Sabatany, ary ireo andro firavoravoany voatondro rehetra.
[12]"Hamotika ireo voalobony sy ireo hazon'aviaviny Aho, izay efa nilazany hoe: 'Ireto no tamby izay nomen'ireo olon-tiako ahy.' Hataoko ho ala ireo, ary ireo bibin'ny saha hihinana izany. [13]Hanasazy azy nohon'ny andro firavoravoan'ireo Bala Aho, rehefa nandoro ditin-kazo manitra ho azy ireo izy, rehefa nanaingo ny tenany tamin'ny perany sy ny firavany izy, ary nanaraka ireo olon-tiany izy ka nanadino Ahy—izany no fanambaran'i Yaveh."
[14]Koa efa mby amin'ny famerenana azy Aho. Hitondra azy ho any an-tany efitra Aho ka hiteny amim-pitiavana aminy.
[15]Hamerina ireo tanim-boalobony Aho, ary ny Lohasahan'ny Akora ho vavahadin'ny fanantenana. Hamaly Ahy ao izy tahaka ny nataony tamin'ireo androm-pahatanorany, tahaka ny tamin'ireo andro izay nivoahany ny tany Egypta.
[16]"Koa ho amin'izany andro izany— izany no fanambaran'i Yaveh—dia hiantso Ahy ianao hoe: 'Vadiko,' ary tsy hiantso Ahy intsony ianao hoe: 'Balako'. [17]Fa ho esoriko eo am-bavany ireo anaran'ireo Bala; tsy ho tsaroana intsony ny anaran'izy ireo."
[18]"Amin'izany andro izany dia hanao fanekena amin'izy ireo miaraka amin'ireo biby any an-tsaha, miaraka amin'ireo vorona eny amin'ny habakabaka, ary miaraka amin'ireo zava-mandady amin'ny tany rehetra Aho. Ho esoriko tsy ho amin'ny tany intsony ny tsipìka, ny sabatra, sy ny ady, ary hataoko mandry fahizay ianao.
[19]Hampanantena ny ho vadinao mandrakizay Aho. Hampanantena ny ho vadinao amin'ny fahamarinana, ny rariny, ny tsy fivadiham-panekena, ary famindram-po Aho. [20]Mianiana amin'ny tenako amim-pahatokiana ho anao Aho, ka ho fantatrao i Yaveh.
[21]Amin'izany andro izany, dia hamaly Aho—izany no fanambaran'i Yaveh—hamaly ny lanitra Aho, ary ireo hamaly ny tany. [22]Ny tany hamaly ny vary, ny voaloboka vaovao sy ny diloilo, ary izy ireo hamaly an'i Jezirela.
[23]Hamboleko ho Ahy eo amin'ny tany izy, ary hanana famindram-po ao amin'ny Lò-rohama Aho. Hiteny amin'i Lò-amy Aho hoe: 'Ianao no oloko,' ary izy ireo hanao Amiko hoe: 'Ianao no Andriamanitro.'"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

3 [1]Yaveh niteny tamiko hoe: "Mandehana indray, mitiava vehivavy iray, izay notiavin'ny vadiny, kanefa mpijangajanga. Tiavo tahaka ny itiavako, Yaveh, ny vahoakan'Israely izy, na dia mihodina ho amin'ny andriamani-kafa sy mankafy mofo vita amin'ny voaloboka aza izy ireo." [2]Koa novidiako sekely volafotsy dimy ambin'ny folo ho Ahy sy vary hordea homera iray sy tapany izy. [3]Hoy Aho taminy hoe: "Tsy maintsy miara-mipetraka Amiko mandritra ny andro maro ianao. Tsy ho mpijangajana ianao na ho an'ny lehilahy hafa. Tahaka izany ihany, no hiarahako aminao."
[4]Fa ireo olon'Israely dia hiaina andro maro tsy misy mpanjaka, andrian-dahy, sorona, andry vato, efoda na sampin-trano.
[5]Ary avy eo ny olon'Israely dia hiverina ary hitady an'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo sy Davida mpanjakan'izy ireo, ary amin'ireo andro farany, dia ho avy amin-kovitra eo anatrehan'i Yaveh sy ny hatsarany izy ireo.

4 [1]Henoy ny Tenin'i Yaveh, ianareo ry vahoakan' Israely. Manao fitoriana amin'ny mponin'ny tany i Yaveh, satria tsy misy fahamarinana na fanekena mahatoky ao, tsy misy fahalalana an'Andriamanitra ao amin'ny tany. [2]Misy ozona, lainga, famonoana, halatra sy fijangajangana ao. Nopotehan'ny vahoaka ny fatotra rehetra, ary ny miampy manaraka ny fandatsahan-drà.
[3]Ka mihamaina ny tany, ary ketraka izay rehetra monina amin'izany; ireo bibi-dia any an-tsaha sy ny vorona eny amin'ny lanitra, na ny trondro any anaty ranomasina aza, dia esorina.
[4]Fa aza mamela na iza na iza hanao fitoriana; aza mamela na iza na iza hiampanga ny hafa. Fa ianareo izany, ry mpisorona, izay ampangaiko. [5]Ho tafintohina ianareo mpisorona mandritra ny andro; ho tafintohina miaraka aminareo ihany koa ireo mpaminany amin'ny alina, ary ho potehiko ny reninareo.
[6]Ringana ny oloko nohon'ny tsy fahampian'ny fahalalana. Satria efa nandà ny fahalalana ianareo mpisorona, Izaho ihany koa dia handà anareo amin'ny maha mpisorona ho Ahy. Satria nohadinoinareo ny lalàko, na dia Andriamanitrareo aza Aho, dia hanadino ireo zanakareo ihany koa Aho. [7]Arakaraka ny hitomboan'ny mpisorona, no hanotan'izy ireo Amiko. Natakalon'izy ireo henatra ny voninahitr'izy ireo.
[8]Mihinana ny fahotan'ny vahoakako izy ireo; mangetahetan'ny faharatsiany bebe kokoa izy ireo. [9]Hitovy ihany ho an'ny vahoaka sy ho an'ireo mpisorona: hanafay azy rehetra nohon'ny fanaony Aho; hamaly azy ireo noho ny asany Aho.
[10]Hihinana izy ireo fa tsy ho voky; hanatanteraka fijangajangana izy ireo fa tsy hitombo, satria nanalavitra an'i Yaveh izy ireo.
[11]Tia fijangajangana mamoa-fady, divay, ary divay vaovao izy ireo, izay nanala ny fahazavan-tsain'izy ireo. [12]Manontany ireo sampiny hazo ny oloko, ary ny tapa-kazon'izy ireo nanome faminaniana ho azy ireo. Fa namitaka azy ireo ny fanahin'ny fijangajangana, ary nitondra tena toy ny mpijangajanga izy ireo raha tokony nahatoky ny Andriamanitr'izy ireo
[13]Manao sorona eny an-tampon-tendrombohitra izy ireo ary mandoro ditin-kazo manitra eny amin'ireo havoana, ambanin'ny hazo oka, popola sy terebinta, satria tsara ny alokaloka. Ka fahavetavaetana ara-nofo ireo zanakareo vavinareo, ary ireo vinanto vavinareo mijangajanga. [14]Tsy hanafay ireo zanakareo vavy Aho rehefa misafidy ny hanao fahavetavetana ara-nofo izy ireo, na ny vinanto vavinareo rehefa mijangajanga izy ireo. Fa ireo lehilahy ihany koa dia manolotra ny tenany ho an'ireo mpijangajanga, ary manolotra sorona izy ireo ka afaka manao asa maloto miaraka amin'ireo mpivaro-tena masina. Koa ho atsipy any ity vahoaka izay tsy mahalala ity.
[15]Fa ianao, ry Israely, na dia nanao fijangajangana aza, dia enga anie Joda tsy ho tonga meloka. Aza mandeha any Gilgala, ianao ry vahoaka; aza mandeha miakatra any Betavena, ary aza mianiana, manao hoe: "Raha mbola velona koa Yaveh."
[16]Fa Israely dia nitondra tena tamin'ny fahamafisan-doha, tahaka ny ombivavy mafy loha. Ahoana no hitondran'i Yaveh azy ireo eny amin'ny fihinanam-bilona tahaka ny zanak'ondry any amin'ny tanin'ahitra?
[17]Nampiray ny tenany tamin'ireo sampy i Efraima; avelao ho irery izy. [18]Na dia lany aza ny zava-pisotro maherin'izy ireo, dia manohy ny fijangajangana izy ireo; mankafy fatratra ny henatr'izy ireo ny mpanapany. [19]Handrakotra azy ireo amin'ny elany ny rivotra; ary ho menatra izy ireo noho ny amin'ny soron'izy ireo.

5 [1]"Henoy izao, ry mpisorona! Manongilàna sofina, ry ankohonan'Israely! Mihainoa, ry ankohonan'ny mpanjaka! Fa ny fitsarana dia avy hanohitra anareo rehetra. Fa efa fandrika tany Mizpa ianao ary harato nivelatra teo amin'ny Tabara.
[2]Ireo mpikomy mikiry fatratra amin'ny famonoana, fa Izaho no hanasazy azy rehetra ireo. [1]
[3]Fantatro Efraima, ary Israely tsy miafina amiko. Ry Efraima, ankehitriny ianao dia tonga toy ny mpivaro-tena; voaloto Israely. [4]Tsy hamela azy ireo hiverina amin'Andriamanitra ireo asany, satria ny fanahin'ny fijangajangana no ao amin'izy ireo, ary tsy fantatr'izy ireo Yaveh.
[5]Ny fireharehan'Israely dia vavolombelona manohitra azy; koa ho tafintohina amin'ny fahamelohan'izy ireo Israely sy Efraima; ary Joda ihany koa dia ho tafintohina miaraka amin'izy ireo. [6]Handeha hiaraka amin'ny ondry aman'osiny sy ombiny izy ireo mba hitady an'i Yaveh, fa tsy hahita Azy izy ireo, satria nanala ny tenany tamin'izy ireo Izy. [7]Tsy nahatoky an'i Yaveh izy ireo, fa niteraka zaza tsy araka ny lalàna izy ireo. Ankehitriny ny firavoravoan'ny voaloham-bolana no handevona azy ireo mbamin'ireo sahany.
[8]Tsofy ao Gibea ny anjomara, ary ao Rama ny trompetra. Manaova hiakiakan'ady ao Betavena hoe: 'Hanaraka anao izahay ry Benjamina!' [9]Ho lao Efraima amin'ny andron'ny fanasaziana. Teo amin'ireo fokon'Israely no nanambarako izay tsy maintsy hitranga.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Ireo mpitarik'i Joda dia toy ireo izay mamindra fefy vato. Hararako toy ny rano amin'izy ireo ny fahavinirako. [11]Torotoro Efraima; torotoron'ny fitsarana izy, satria nandeha tamin'ny tsitra-pony hanaraka sampy.
[12]Ary ho toy ny kalalao amin'i Efraima Aho, ary tahaka ny bobongolo amin'ny ankohonan'i Joda. [13]Rehefa hitan'i Efraima ny aretiny, ary hitan'i Joda ny ratrany, dia nandeha tany Asyria i Efraima, ary Joda nandefa mpitondra hafatra ho any amin'ilay mpanjaka lehibe. Fa tsy afaka nitsabo anareo izy ry olona na nanasitrana ny ratranareo.
[14]Koa ho toy ny liona amin'i Efraima Aho, ary ho toy ny liona tanora amin'ny ankohonan'i Joda. Izaho, eny Izaho, no hamiravira ary handeha; ho entiko izy ireo, ary tsy hisy hanavotra azy ireo. [15]Handeha Aho ary hiverina any amin'ny toerako, mandra-piaiken'izy ireo ny helony ka hitady ny tavako, mandra-pitadin'izy ireo Ahy fatratra amin'ny fahorian'izy ireo."

---

[1]Fanamarihana: ny dikan-teny sasany taty aoriana dia manao hoe: "Ireo mpikomy dia nihady lavaka lalina," "nihady lavaka lalina tao Sitima ireo mpikomy," na, mitohy amin'ny andininy teo aloha hoe: "lavaka voahady lalina ao Sitima."

---

6 [1]"Avia, andeha isika hiverina amin'i Yaveh. Fa efa nanorotoro antsika Izy, nefa hanasitrana antsika; nandratra antsika Izy, fa hamehy ny ferintsika. [2]Afaka roa andro dia hamelona antsika indray Izy; hanangana antsika Izy amin'ny andro fahatelo, ary ho velona eo anoloany isika. [3]Aoka hahafantatra an'i Yaveh isika; aoka ho dodona ny hahalala an'i Yaveh isika. Ny fiposahany dia azo antoka tahaka ny mangiran-dratsy; ho avy amintsika tahaka ny ranon'orana Izy, toy ny loharanon'orana izay manondraka ny tany."
[4]Ry Efraima, inona no hataoko miaraka aminao? Ry Joda, inona no hataoko miaraka aminao? Ny fahatokianao dia toy ny rahon'ny maraina, tahaka ny ando izay vetivety dia lasa. [5]Koa nokapakapaiko tamin'ny alalan'ireo mpaminany izy ireo, novonoiko tamin'ny alalan'ny tenin'ny vavako izy ireo. Ireo lalànao dia toy ny hazavana izay mamirapiratra.
[6]Fa fahatokiana no iriako fa tsy sorona, ary ny fahafantarana an'Andriamanitra noho ny fanatitra dorana. [7]Toa an'i Adama dia namadika ny fanekena izy ireo; tsy nahatoky Ahy izy ireo.
[8]Gileada dia tanànan'ny mpanao ratsy miaraka amin'ny dian-tongotra mihoson-drà. [9]Toy ny fiandrasan'ny andian-jiolahy olona, no hikambanan'ireo andiana mpisorona hamono olona any amin'ny lalana mankany Sekema; nanao heloka mahamenatra izy ireo.
[10]Tao amin'ny ankohonan'Israely no nahitako zavatra mahatsiravina; ny fivarotan-tenan'i Efraima no ao, ary Israely dia nanjary naloto. [11]Fa ho anao ihany koa, ry Joda, dia efa voatondro ny fotoam-pijinjana, rehefa hamerina ny haren'ny oloko Aho.

7 [1]Isaky ny te-hanasitrana an'Israely Aho, dia miseho ny fahotan'i Efraima, sy ny asa ratsin'i Samaria, satria mamitaka izy ireo; tonga ny mpangalatra, ary ny andiana mpandroba manafika eny an-dalambe. [2]Tsy tsapan'izy ireo tao am-pony fa tsaroako ny asa ratsiny rehetra. Ankehitriny mihodidina eo amin'izy ireo ny asany; manoloana ny tavako ireo.
[3]Faly tamin'ny faharatsian'izy ireo ny mpanjaka, ary tamin'ny laingany ny manam-pahefana. [4]Izy rehetra dia mpijangajanga, tahaka ny lafaoro nafanain'ny mpanao mofo, izay mitsahatra misoron'afo hatramin'ny famolavolana ny foto-koba ka mandra-pitombon'izany. [5]Tamin'ny andron'ny mpanjakantsika ireo manam-pahefana dia nankarary ny tenany tamin'ny hafanan'ny divay. Naninjitra ny tanany tamin'ireo izay naneso izy.
[6]Fa amin'ny fo toy ny lafaoro, no hieverany ireo tetika famitahan'izy ireo. Mirehitra mandritra ny alina tontolo ny fahatezeran'izy ireo; ny amin'ny maraina dia mirehitra toy ny afo midedadeda izany. [7]Izy rehetra dia mafana tahaka ny lafaoro, ary mandrapaka ireo izay manapaka eo amin'izy ireo. Efa lavo ireo mpanjakany rehetra; tsy nisy niantso Ahy izy ireo.
[8]Nifangaro tamin'ireo olona i Efraima. Mofomamy fisaka izay tsy mbola navadika i Efraima. [9]Efa nandevona ny heriny ireo firenena hafa, nefa tsy fantany izany. Volo fotsy no mifafy eo aminy, nefa tsy fantany izany.
[10]Ny avonavon'Israely dia vavolombelona miampanga azy; na izany aza, dia tsy niverina tamin'i Yaveh Andriamaniny izy ireo, na nitady Azy, na dia teo aza izany rehetra izany. [11]Efraima dia toy ny voromailala, minomino foana sady tsy misy saina, miantso mafy any Egypta, avy eo manidina ho any Asyria.
[12]Rehefa mandeha izy ireo, dia ho velariko eo amin'izy ireo ny haratoko, hampidiniko toy ny voron'ny lanitra izy ireo. Hanasazy azy ireo ao amin'ny firohotany Aho. [13]Lozan'izy ireo! Fa efa nandositra Ahy izy ireo. Tonga eo amin'izy ireo ny fandringanana! Nikomy tamiko izy ireo! Tokony hanavotra azy ireo Aho, kanefa nilaza lainga tamiko izy ireo.
[14]Tsy nihiaka tamiko tamin'ny fony rehetra izy ireo, fa midradradradra eo am-pandriany. Miara-miangona ho an'ny vary sy ny divay vaovao izy ireo, ary mivily miala Amiko. [1][15]Na dia nampianatra azy ireo sy nanamafy ny sandriny aza Aho, dia miteti-dratsy hanohitra Ahy izy ireo ankehitriny.
[16]Miverina izy ireo, nefa tsy miverina Amiko, ilay Avo Indrindra. Toy ny tsipìka miraviravy izy ireo. Ho lavo amin'ny sabatra nohon'ny fitenenam-poan'ny lelany ny manam-pahefan'izy ireo. Izany no ho zary fanesoan'izy ireo ao amin'ny tany Egypta.

---

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Miara-miangona izy ireo", izay misy amin'ny teny Hebreo, ny dikan-teny sasany taloha sy ny dikan-teny vaovao maro manao hoe: "Nanety ny tenany izy ireo", fanondrona ny fomba fanompoan-tsampiny mandratra ny tenany tao amin'ny fahatezeram-bavaka.

8 [1]"Ametraho anjomara eo amin'ny molotrao! Misy voromahery tonga eo amin'ny tranon'i Yaveh satria nandika ny
fanekeko sy nikomy nanohitra ny lalàko ny olona. [2]Mitaraina Amiko izy ireo hoe: 'Ry Andriamanitro, izahay aty Israely
dia mahafantatra Anao.' [3]Nefa Israely dia efa nanary izay tsara, ary ny fahavalo hanenjika azy.
[4]Efa nametraka ireo mpanjaka izy ireo, nefa tsy avy tamiko. Efa nametraka andrian-dahy izy ireo, nefa tsy tamin'ny
fahalalako. Tamin'ny volafotsiny sy ny volamenany no efa nanamboarany ny sampy ho an'ny tenany, nefa izany dia mba
hamongorona azy ireo ihany." [5]"Nolavina ny zanak'ombinao, ry Samaria. Mirehitra amin'ireo olona ireo ny fahatezerako.
Fa mandra-pahoviana no hijanona ho meloka izy ireo?
[6]Fa izany sampy izany dia avy tao Israely; ny mpiasa no nanao izany; tsy Andriamanitra izany! Ho tetitetehina ny
zanak'ombin'i Samaria. [7]Fa ny olona mamafy rivotra dia mijinja tadio. Tsy misy salohiny ny vary maniry eny an-tsaha; tsy
misy ventiny ny vokatr'izany. Raha tonga matoy izany, dia handrapaka izany ny vahiny.
[8]Dia voatelina Israely; ankehitriny mandainga eo amin'ireo firenena tahaka ny zavatra tsy misy ilàna azy izy ireo. [9]Fa
niakatra tany Asyria tahaka ny ampondra-dia mandeha irery izy ireo. Efa nanakarama mpitia ny tenany i Efraima. [10]Na
dia efa nanakarama olon-tiana eo amin'ireo firenena aza izy ireo, ankehitriny dia hanangona azy ireo miaraka Aho.
Hanomboka hihaosa izy ireo nohon'ny fampahorian'ny mpanjakan'ireo andrian-dahy.
[11]Fa efa nampitombo ireo alitara ho an'ny fanatitra noho ny ota i Efraima, nefa efa lasa alitara ho amin'ny fanotana izany.
[12]Afaka nanoratra ny lalàko indray alina ho azy ireo Aho, nefa izy ireo handray izany tahaka ny zavatra hafahafa aminy.
[13]Raha ny amin'ireo soron'ny fanatitro, dia manao sorona hena izy ireo ary mihinana izany, kanefa Izaho, Yaveh, dia tsy
manaiky ireo. Ankehitriny hieritreritra ny momba ny helony Aho ary hanasazy ny amin'ny otany. Hiverina any Egypta
izy ireo. [14]Israely dia efa nanadino Ahy, Mpanao azy, ary efa nanorina lapa. Efa nanamafy tanàna maro i Joda, nefa
handefa afo eo amin'ireo tanànany Aho; handringana ireo fiarovany mafy izany.

9 [1]Aza mifaly, amin'ny hafaliana toy ireo olona hafa, ry Israely. Fa tsy nahatoky ianao, nahafoy ny Andriamanitrao.
Tianao ny mandoa ny karama angatahin'ny mpivaro-tena amin'ny famoloana rehetra. [2]Fa ny famoloana sy ny
famiazana dia tsy hamahana azy ireo; handiso fanantenana azy ireo ny divay vaovao.
[3]Tsy hitoetra ao amin'ny tanin'i Yaveh intsony izy ireo; fa kosa, hiverina any Egypta i Efraima, ary indray andro izy ireo
dia hihinana sakafo maloto any Asyria. [4]Tsy handraraka fanatitra divay ho an'i Yaveh izy ireo, na hankasitrahany. Ho toy
ny sakafon'ny mpisaona aminy ny soron'izy ireo: izay rehetra mihinana izany dia ho voaloto. Fa ny sakafon'izy ireo dia
ho azy ireo irery ihany; tsy hiditra ny tranon'i Yaveh izany.
[5]Inona no ho ataonareo amin'ny andron'ny firavoravoana voatondro, amin'ny andron'ny firavoravoana ho an'i Yaveh?
[6]Fa, indro, raha afa-mandositra amin'ny fandringanana izy ireo, dia hanangona azy ireo Egypta, ary handevina azy ireo i
Memfisa. Raha ny amin'ireo harena volafotsin'izy ireo—ho lasan'ny tsilo maranitra ireo, ary hameno ny lain'izy ireo ny
tsilo.
[7]Ho tonga ny andro famaizana; tonga ny andro famaliana. Aoka ho fantatry ny Israely rehetra ireo zavatra ireo. Adala ny
mpaminany, ary very saina ny olona azon-tsindrimandry, nohon'ny helokareo lehibe sy fandrafianareo lehibe.
[8]Ny mpaminany no mpiambina an'i Efraima ho an'ny Andriamanitro. Fa misy fandri-borona amin'ny lalany rehetra, ary
ny fankahalana azy dia ao an-tranon'ny Andriamaniny. [9]Efa nanimba toetra fatratra toy ny tamin'ny andron'i Gibea izy
ireo. Ho tsaroan'Andriamanitra ny helok'izy ireo, ary ho faiziny ny fahotan'izy ireo.
[10]Hoy Yaveh hoe: "Rehefa nahita an'Israely Aho, dia toy ny hoe nahita voaloboka tany an'efitra. Toy ny voaloham-boan'ny
fotoanan'ny aviavy, dia nahita ny razambenareo Aho. Fa nankany Bala-peora izy ireo, ary nanoka-tena tamin'izany
sampy mahamenatra izany. Lasa maharikoriko toy ilay sampy notiaviny izy ireo.
[11]Raha ny amin'i Efraima, dia hanidina toy ny vorona ny voninahitr'izy ireo. Tsy hisy fahaterahana, tsy hisy
fananan'anaka, ary tsy hisy torotoronina. [12]Na dia nitaiza zaza aza izy ireo, dia ho alaiko izy ireo ka tsy hisy ho tavela.
Loza ho azy ireo rehefa mivadika amin'izy ireo Aho!
[13]Efa nahita an'i Efraima Aho, tahaka an'i Tyro, nambolena teo amin'ny tanin'ahitra, fa Efraima dia hitondra ireo zanany
ho any amin'ny olon-kafa izay hamono azy ireo." [14]Omeo izy ireo, ry Yaveh—inona no homenao azy ireo? Omeo kibo tsy
mahazo zaza sy nono izay tsy manome ronono izy ireo.
[15]"Noho ny faharatsian'izy ireo rehetra tany Gilgala, izay nankahalako azy ireo voalohany. Noho ny asan'izy ireo feno
fahotana, dia ho roahiko hivoaka ny tranoko izy ireo. Tsy ho tia azy ireo intsony Aho; mpikomy avokoa ireo manam-
pahefan'izy ireo.
[16]Misy aretina Efraima, ary maina ny fakan'izy ireo; tsy mamoa ireo. Na dia manan-janaka aza izy ireo, dia ho vonoiko ny
zanaka malalan'izy ireo." [17]Ho arian'ny Andriamanitro izy ireo satria tsy nankatoa Azy. Ho lasa mpirenireny eo amin'ireo
firenena izy ireo.

10 [1]Israely dia voaloboka mandrobona izay mamokatra ny voany. Araka ny nitomboan'ny voany, no habetsaky ny alitara
nataony. Araka ny namokaran'ny taniny maro, no nanatsarany ireo andrim-batony. [2]Mamitaka ny fon'izy ireo;

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ankehitriny dia tsy maintsy hibaby ny helony izy ireo. Ho arodan'i Yaveh ny alitaran'izy ireo; ho ravainy ireo andrim-batony.
[3]Fa hilaza izy ireo hoe: "Tsy manana mpanjaka isika, satria isika tsy natahotra an'i Yaveh, ary ny mpanjaka—inona no mety ho ataony amintsika?" [4]Niteniteny foana izy ireo ary nanao fanekena tamin'ny fianianan-tsy to. Koa nitsimoka tahaka ny ahi-dratsy misy poizina eny am-bavasa eny an-tsaha ny rariny.
[5]Ny mponin'i Samaria dia hatahotra noho ireo ombivavin'i Betavena. Nisaona teo amin'izy ireo ny vahoakany, tahaka ny nataon'ireo mpisorona mpanompo sampy izay efa niravoravo teo amin'izy ireo sy ny famirapiratan'izy ireo, saingy tsy any intsony izy ireo. [6]Ho entina any Asyria ho fanomezana ho an'ny mpanjaka lehibe izy ireo. Ho afa-baraka Efraima, ary ho menatra amin'ireo sampiny Israely.
[7]Ho rava tahaka ny tapa-kazo eo ambony rano ny mpanjakan'i Samaria. [8]Ho rava ny toerana avon'ny faharatsiana rehetra. Izany no fahotan'Israely! Ny tsilo sy ny ahitra dia hitombo eo amin'ny alitaran'izy ireo. Hilaza amin'ny tendrombohitra ny vahoaka hoe: "Sarony izahay!" ary amin'ny havoana hoe: "Mianjerà aminay!"
[9]"Ry Israely, efa hatramin'ny andron'i Gibea ianao no nanota; tany ianao no nitoetra. Tsy hahatratra ireo zanaky ny ratsy ao Gibea ve ny ady?
[10]Raha sitrako izany, dia hanafay azy ireo Aho. Hiaraka hivondrona hanohitra azy ireo ny firenena ary hametraka azy ireo amin'ny fatotra noho ny helok'izy ireo misosona. [11]Efraima dia omby vavy kely voafolaka izay tia mively vary, koa hanisy zioga eo amin'ny vozony tsara tarehy Aho. Hanisy zioga eo amin'i Efraima Aho; hiasa tany i Joda; Jakoba ihany no hisintona ny fandravonana.
[12]Mamafaza fahamarinana ho an'ny tenanareo, ary jinjao ny Mamafaza fahamarinana ho an'ny tenanareo, ary jinjao ny voakatry ny tsy fivadiham-panekena. Vakio ny tany mbola tsy nohasainareo, fa fotoana hitadiavana an'i Yaveh izao, mandram-piaviny sy handatsahany fahamarinana eo aminareo. [13]Efa namboly faharatsiana ianareo; dia nijinja ny tsy rariny. Efa nihinana ny voan'ny fitaka ianareo satria nahatoky ireo paikadinareo sy ireo miaramilanareo maro.
[14]Koa hisy tabataban'ady eo amin'ireo vahoakanao, ary ho rava ireo tanànanao voaaro mafy rehetra. Ho tahaka an'i Betarbela noravan'i Salamana tamin'ny andron'ny ady izany, rehefa torotoro niaraka tamin'ireo zanany ireo reny. [15]Ka hiseho aminao izany, ry Betela, noho ny halehiben'ny faharatsianao. Vao maraina no hanesorana tanteraka ny mpanjakan'Israely."

11 [1]"Fony mbola tovolahy Israely dia notiaviko, ary niantso ny zanako lahy hivoaka an'i Egypta Aho. [2]Arakaraka ny niantsoana azy ireo, no nanalaviran'izy ireo Ahy. Ary nanao sorona ho an'i Bala sy nandoro ny ditin-kazo manitra ho an'ny sampy izy ireo. [1]
[3]Kanefa Izaho no nampianatra an'i Efraima handeha. Izaho no nitrotro azy ireo teo amin'ny sandriny, saingy tsy fantatr'izy ireo fa nikarakara azy ireo Aho. [4]Tamin'ny kofehin'ny maha-olombelona no nitarihiko azy ireo, tamin'ny fatoran'ny fitiavana. Tahaka ny olona izay nanamaivana ny zioga teo amin'ny valanoranon'izy ireo Aho, ary niondrika teo amin'izy ireo Aho ka namahana azy ireo.
[5]Tsy hiverina any amin'ny tanin'i Egypta ve izy ireo? Tsy hanapaka eo amin'izy ireo ve Asyria satria mandà ny hiverina amiko izy ireo? [6]Hilatsaka amin'ny tanànan'izy ireo ny sabatra ary hamotika ny hidin'ny vavahadiny; handrava azy ireo izany noho ny tetik'izy ireo ihany. [7]Nanapa-kevitra ny hiala amiko ny oloko. Na dia miantso Ilay Avo Indrindra aza izy ireo, dia tsy hisy na iray aza hanampy azy ireo.
[8]Ahoana no handaozako anao, ry Efraima? Ahoana no hanolorako anao, ry Israely? Ahoana no hanaovako anao tahaka an'i Adma? Ahoana no hanaovako anao tahaka an'i Zeboima? Niova ny tao anatin'ny foko; efa niakatra ny fangoraham-poko rehetra. [9]Tsy hanatanteraka ny fahavinirako Aho; tsy handringana an'i Efraima intsony. Fa Andriamanitra Aho fa tsy olona; Izaho Ilay Masina eo aminareo, ary tsy ho avy amin'ny fahatezerana Aho.
[10]Hanaraka an'i Yaveh izy ireo; ary hierona tahaka ny liona Izy. Rehefa mierona Izy, dia ho avy am-pangovitana avy any andrefana ireo zanany. [11]Ho avy am-pangovitana tahaka ny vorona avy any Egypta izy ireo, tahaka ny voromailala avy any amin'ny tanin'i Asyria. Hampitoeriko ao an-tranony izy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh.
[12]Hodidinin'i Efraima amin'ny lainga aho, ary ny taranak'Israely amin'ny fitaka. Kanefa Joda dia mbola miaraka amiko, Andriamanitra, ary mahatoky Ahy, ilay Iray Masina."

---

[1]Fanamarihana: ny dikan-teny sasany taloha sy ny ankamaroan'ireo dikan-teny vaovao dia manao hoe: "Niala tamiko izy ireo." Ny lahatsoratra Hebreo manao hoe: "Niala taminy izy ireo."

---

12 [1]Efraima mihinan-drivotra ary manaraka ny rivotra avy any atsinanana. Mampitombo isa ireo lainga sy herisetra mandrakariva izy. Manao fanekena miaraka amin'i Asyria ary mitondra menaka oliva ho any Egypta izy ireo.
[2]Manana ady amin'i Joda ihany koa i Yaveh ary hanafay an'i Jakoba noho ireo izay nataony; hamaly azy Izy noho ireo asany.
[3]Tao an-kibo no nihazonan'i Jakoba ny rahalahiny tamin'ny vodi-tongony, ary tamin'ny fahalebiazany no niadivany tamin'Andriamanitra. [4]Niady tamin'ilay anjely izy ka naharesy. Nitomany sy nitaraina ho an'ny sitrany izy. Nahita an'Andriamanitra tao Betela izy; tany no niresahan'Andriamanitra taminy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Izao no Yaveh, ilay Andriamanitra tompon'ny maro; "Yaveh" no anarany hiantsoana Azy. [6]Koa miverena amin'ny Andriamanitrareo. Tandremo ny fanekena mahatoky sy ny rariny, ary mahandrasa mandrakariva an'Andriamanitrareo.
[7]Ny mpivarotra dia manana mizana diso eo an-tanan'izy ireo; tia fanambakana izy ireo. [8]Hoy Efraima hoe: "Tonga nanan-karena be tokoa aho; nahita harena ho an'ny tenako aho. Tsy hahita heloka amiko amin'ny asako rehetra izy ireo, izay rehetra mety ho fahotana."
[9]"Izaho no Yaveh Andriamanitrareo avy any amin'ny tany Egypta. Hamponeniko anaty lay indray ianareo, tahaka ny tamin'ny firavoravoana voatondro. [10]Niteny tamin'ireo mpaminany Aho, ary nanome fahitana maro ho azy ireo ho anao. Tamin'ny tanan'ireo mpaminany no nanomezako fanoharana."
[11]Raha misy faharatsiana ao Gileada, dia zava-poana tokoa ny olona. Ataon'izy ireo sorona ao Gilgala ireo ombilahy; ho tahaka ny antontam-bato ao anatin'ireo saham-bavasa ny alitaran'izy ireo. [12]Nitsoaka ho any amin'ny tanin'i Syria i Jakoba; niasa mba hahazo vady i Israely; ary niandry ondry aman'osy izy mba hahazo vady.
[13]Nitondra ny Israely hivoaka ny tany Egypta tamin'ny alalan'ny mpaminany i Yaveh, ary tamin'ny alalan'ny mpaminany no nikarakarany azy ireo. [14]Nahatezitra mafy an'i Yaveh i Efraima. Noho izany dia hamela ny rànу eo aminy ny Tompony ary hamerina aminy ny fahafaham-barakany.

13 [1]"Rehefa niteny i Efraima, dia nisy hovitrovitra. Nanandratra ny tenany tany Israely izy, nefa lasa meloka noho ny fanompoana an'i Bala izy, ka maty. [2]Miha-manota hatrany izy ireo ankehitriny. Manao sary sokitra vy amin'ny volafotsiny izy ireo, sampy natao tsara araka izay azo natao, ireo rehetra ireo dia asan'ny mpanao asa tanana. Nilaza ny amin'izy ireo ny olona hoe: 'Ireo olona izay manao sorona ireo dia manoroka zanak'omby.'
[3]Ka ho toy ny rahon'ny maraina izy ireo, toy ny ando izay mora maina, toy ny akofa izay tsofin'ny rivotra avy eo amin'ny famoloana, ary toy ny setroka mivoaka amin'ny fivoahan-tsetroka.
[4]Fa Izaho no Yaveh Andriamanitrareo avy amin'ny tany Egypta. Aoka ianareo tsy hanaiky Andriamanitra afa-tsy Izaho ihany; aoka ianareo hanaiky fa ankoatra Ahy, dia tsy misy mpamonjy hafa. [5]Fantatro ianareo tany an-tany efitra, tany amin'ny tany fahamainana lehibe. [6]Rehefa nanana ahitra ianareo, dia voky; ary rehefa voky ianareo, dia nisandratra ny fonareo. Noho izany antony izany dia nanadino Ahy ianareo.
[7]Ho lasa toy ny liona ho azy ireo Aho; toy ny leoparda no hiambenako manaraka ny lalana. [8]Hamely azy ireo tahaka ny bera very anaka Aho. Handriatra ny tratran'izy ireo Aho, ary handrapaka azy ireo eo tahaka ny liona, tahaka ny hamiraviran'ny bibidia azy ireo Aho.
[9]Handringana anareo Aho, ry Israely; iza no afaka hanampy anareo? [10]Aiza ny mpanjakanareo izao, mba hanavotra anareo any amin'ny tanànanareo rehetra? Aiza ireo mpanapakareo, izay efa nolazainareo tamiko hoe: 'Omeo mpanjaka sy andrian-dahy aho'? [11]Nanome anareo mpanjaka tamin'ny fahatezerako Aho, ary nanala azy tamin'ny fahavinirako.
[12]Efa notehirizina ny helok'i Efraima; notehirizina ny helony. [13]Ny fangirifirian'ny fiterahana dia ho tonga eo aminy, fa zanaka lahy tsy manam-pahendrena izy, satria rehefa tonga ny fotoana ahaterahana, dia tsy mivoaka avy ao am-bohoka izy.
[14]Hamonjy azy ireo amin'ny tanan'ny fiainan-tsy hita ve Aho? Hamonjy azy ireo amin'ny fahafatesana ve Aho? Aiza, ry fahafatesana, ny areti-mandringanao? Aiza, ry fiainan-tsy hita, ny fandringananao? Miafina amin'ny masoko ny fangorahana."
[15]Na dia nanan-karena teo amin'ireo rahalahiny aza i Efraima, dia hisy rivotra avy any atsinanana ho avy; hitsoka avy any an-tany efitra ny rivotr'i Yaveh. Ny loharanon'i Efraima dia ho ritra, ary ny fantsakany dia tsy hisy rano. Handroba ny trano fitehirizany ny zava-tsarobidy rehetra ny fahavalony.
[16]Ho meloka i Samaria, satria nikomy nanohitra ny Andriamaniny izy. Ho lavon'ny sabatra izy ireo; ho torotoro ireo zanany mbola tanora, ary ho triarina ireo renin'izy ireo mitondra vohoka.

14 [1]Ry Israely, miverena amin'i Yaveh Andriamanitrao, fa lavo tamin'ny helokao ianao. [2]Mitondrà teny ary miverena amin'i Yaveh. Lazao Azy hoe: "Alao ny helokay rehetra ary ekeo izay tsara, mba ho afaka hanolotra ny vokatry ny molotray ho Anao izahay. [1]
[3]Asyria dia tsy hanavotra antsika; tsy hitaingin-tsoavaly ho any amin'ny ady isika. Na hiteny amin'ny asan'ny tanantsika intsony hoe: 'andriamanitray ianao,' fa ao Aminao ny kamboty no mahazo fangoraham-po."
[4]Hanasitrana ny fivadihan'izy ireo Aho; hitia malalaka azy ireo Aho, fa hiala aminy ny hatezerako. [5]Ho tahaka ny ando Aho amin'Israely; hamony tahaka ny lilia sy hamaka tahaka ny sedera ao Libanona izy. [6]Hisandrahaka ireo sampany; ho tahaka ireo hazon'oliva ny hatsaràny, ary ny hanitra mameroverony dia tahaka ireo sedera ao Libanona.
[7]Ny olona izay monina ao amin'ny alony dia hiverina; ho velombelona tahaka ny voa indray izy ireo ary hitsimoka tahaka ny voaloboka. Ho tahaka ny divain'i Libanona ny lazany. [8]Ry Efraima, inona ihany koa no mbola azoko ataoko amin'ny sampy? Hamaly azy Aho ary hikarakara azy. Tahaka ny kypreso izay maitso ravina mandrakariva Aho; avy Amiko no hitsirian'ny voanao."
[9]Iza no hendry ka hahatakatra ireo zavatra ireo? Iza no mahatakatra ireo zavatra ireo ka hahalala azy ireo izy? Fa mahitsy ireo lalan'i Yaveh, ary ny marina dia handeha amin'ireo, fa ny mpikomy ho tafintohina amin'ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Ny fehezanteny hoe: "mba ho afaka hanolotra ny vokatry ny molotray ho Anao izahay" dia maneho ny dikan-teny sasany taloha. Ny lahatsoratra Hebreo dia manao hoe: "mba ho afaka hanolotra ombilahy, ny molotray". Ny dikan-teny vaovao sasany dia mandika izany hoe: "mba ho afaka hanolotra ombilahy, izay nampanantenainay ho Anao izahay."

Joela

1 [1]Izao no tenin'i Yaveh izay tonga tamin'i Joela zanaka lahin'i Petoela. [2]Ianareo loholona, henoy izao, ary mandrenesa ianareo mponina rehetra eo amin'ny tany. Efa nitranga ve izao tamin'ny andronareo na tamin'ny andron'ny razambenareo? [3]Lazao ny momba izany ny zanakareo, ary aoka ny zanakareo hiteny ny zanak'izy ireo, ary ny zanak'izy ireo amin'ny taranak'izy ireo manaraka.
[4]Izay sisan'ny kijeja dia nohanin'ny andiam-balala; izay sisan'ny andiam-balala dia efa nohanin'ny valalavao; ary izay sisan'ny valalavao dia nohanin'ny sompanga.
[5]Mifohaza, ianareo ry mpimamo, ary mitomania! Midradradradrà, ianareo rehetra mpisotro divay, satria ny divay mamy dia nesorina teo aminareo. [6]Fa nisy firenena iray niakatra teo amin'ny taniko, mahery sy tsy hita isa. Ny nifiny dia nifin'ny liona, ary manana ny nifin'ny liona vavy izy. [7]Nataony toerana mampihorohoro ny tanim-boaloboko ary notapahiny ny hazon'aviaviko. Nongotany ny hodi-kazony ary nariany izany; ireo rantsany dia tonga fotsy.
[8]Aoka hisaona toy ny virijiny manao akanjo fisaonana amin'ny fahafatesan'ny vadiny tanora ianareo. [9]Ny fanatitra voa sy fanatitra sotroina dia nesorina tao amin'ny tranon'i Yaveh. Misaona ireo mpisorona, mpanompon'i Yaveh. [10]Rava ireo saha, misaona ny tany satria efa simba ny vary. Maina ny divay vaovao, mandamoka ny diloilo.
[11]Mba menatra, ianareo tantsaha, ary midradradradrà, ianareo ry mpamboly voaloboka, nohon'ny vary tritika sy ny vary hordea. Fa ny vokatry ny saha dia efa levona. [12]Nalazo ny voaloboka ary maina ireo hazon'aviavy, ireo ampongabendanitra, ireo hazo palma ihany koa, ary ireo hazon'ny poma—nalazo avokoa ny hazo rehetra tany an-tsaha. Fa nalazo ny fifalian'ny taranak'olombelona.
[13]Manaova akanjo fisaonana ary aoka hisaona, ianareo mpisorona! Midradradradrà, ianareo mpanompon'ny alitara. Manatona, ento matory mandritry ny alina manontolo ny akanjo fisaonana, ianareo mpanompon'ny Andriamanitro. Fa ny fanatitra voa sy ny fanatitra sotroina dia efa notazomina ao an-tranon'ny Andriamanitrareo. [14]Mangataha fifadian-kanina masina, ary mangataha fiangonana masina. Hangony ireo loholona sy ireo mponina ao amin'ny tanin'i Yaveh Andriamanitrareo, ary mitomania amin'i Yaveh.
[15]Indrisy ry andro! Fa ny andron'i Yaveh dia efa akaiky. Ho avy miaraka amin'izany ny famotehana avy amin'ilay Tsitoha.
[16]Tsy efa nesorina teo imasontsika ve ny sakafo, ary ny fifaliana sy ny firavoravoana tao amin'ny tranon'ny Andriamanitsika? [17]ireo voa dia lo any ambanin'ny baingan-tanin'ireo, foana ireo mpamatsy, ary potika ireo sompitra, satria nalazo ireo vary.
[18]Izato fieron'ireo biby! Mijaly ny biby fiompy satria tsy manana tany fihinanam-bilona izy ireo. Mijaly ihany koa ireo andian'ondry aman'osy. [19]Ry Yaveh, mitalaho Aminao aho. Fa nolevonin'ny afo ireo fihinanam-bilona any an'efitra, ary lelan'afo no nandoro ny hazo rehetra tany an-tsaha. [20]Na ireo biby any an-tsaha aza dia midradradradra Aminao, satria ritra ny lohasaha, ary main'ny afo ireo fihinanam-bilona any an'efitra.

2 [1]Tsofy ny anjomara ao Ziona, ary ampanenoy ny fanairana any an-tendrombohitro masina! Aoka ny mponin'ny tany rehetra hangovitra amin'ny tahotra, fa ho tonga ny andron'i Yaveh; akaiky tokoa izany. [2]Andron'ny fahamaizinana sy aizim-pito izany, andron'ny rahona sy aizim-pito. Tahaka ny mangiran-dratsy izay miely eny amin'ireo tendrombohitra, manatona ny tafika lehibe sy matanjaka. Tsy mbola nisy tafika tahaka ity hatrizay, ary tsy hisy tahaka azy intsony, na aorian'ny taranaka fara mandimby maro aza.
[3]Ny afo dia mandevona ny zavatra rehetra manoloana azy, ary ao ambadik'izany ny lelan'afo dia mirehitra. Ny tany dia tahaka ny saha Edena eo anoloan'izany, nefa ao ambadik'izany dia misy efitra foana. Tsy hisy na inona na inona handositra amin'izany tokoa.
[4]Niendrika toy ny soavaly ireo tafika, ary mihazakazaka toy ny mpitaingin-tsoavaly izy ireo. [5]Mitsambikina miaraka amin'ny feo toy ny an'ireo sarety eny an-tampon'ny tendrombohitra izy ireo, tahaka ny feon'ny lelan'afo mirehitra izay mandevona ny mololo, tahaka ny tafika matanjaka vonona ho amin'ny ady izy ireo.
[6]Ao anaty fangirifiriana ny olona ary lasa fotsy hatsatra ny tavan'izy ireo rehetra rehefa eo anatrehan'izy ireo.
[7]Mihazakazaka tahaka ny mpiady matanjaka izy ireo; mihanika ireo manda toy ireo miaramila mpiady izy ireo; manao diabe amin'ny laharany avy izy ireo ary tsy vaky ny laharany.
[8]Tsy mifanosika izy ireo; samy mandeha amin'ny lalany avy izy ireo; mamakivaky ny fiarovana izy ireo ary tsy rava ny laharana. [9]Mirohitra eny amin'ny tanàna izy ireo, ary mihazakazaka eny amin'ny manda, mihanika amin'ireo trano izy ireo, ary miditra eo am-baravarankely toy ny mpangalatra izy ireo.
[10]Mihorohoro manoloana azy ireo ny tany, ary miozongozona ny lanitra, ny masoandro sy ny volana dia maizina, ary ny kintana dia mijanona mamiratra. [11]Manandratra ny feony manoloana ny tafiny i Yaveh, satria ireo mpiadiny dia maro an'isa tokoa; satria mahery izy ireo, ireo izay hanatanteraka ny didiny. Fa lehibe sy mahatsiravina tokoa ny andron'i Yaveh. Iza no ho velona amin'izany?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]"Koa na dia ankehitriny aza" hoy i Yaveh hoe: "Miverena Amiko amin'ny fonareo manontolo. Mifadia hanina, mitomania, ary manaova fisaonana." [13]Viravirao ihany koa ny fonareo fa tsy ny fitafinareo ihany, ary miverena amin'i Yaveh Andriamanitrareo. Fa mamindra fo sy miantra Izy, tsy mora tezitra ary be famindram-po, ary hiala amin'ny fampitondrana famaizana Izy.
[14]Iza no mahalala? Mety hiverina ve izy ary hanana fangoraham-po, ary hamela fitahiana aoriany, dia ny fanatitra voa sy fanatitra sotroina ho an'i Yaveh Andriamanitrareo?
[15]Tsofy ny anjomara ao Ziona, miantsoa fifadian-kanina masina, ary miantsoa fivoriana masina. [16]Angony ny vahoaka, antsoy amin'ny fivoriana masina. Vorio ireo loholona, angony ny ankizy mbamin'ny zaza minono. Aoka ny mpampakatra hiala ao an'efitranony, ary ny ampakarina hiala an-trano fandriany.
[17]Aoka ireo mpisorona, mpanompon'i Yaveh hitomany eo anelanelan'ny lavarangana fidirana sy ny alitara. Aoka izy ireo hilaza hoe: "Iantrao ny olonao, ry Yaveh, ary aza avela ho amin'ny fahafaham-baraka ny lovanao, ka hesoin'ireo firenena. Nahoana izy ireo no tokony hiteny amin'ireo firenena hoe: Aiza ny Andriamanin'izy ireo?'"
[18]Koa dia saro-piaro ny amin'ny taniny i Yaveh ary niantra ny olony. [19]Namaly ny olony i Yaveh manao hoe: "Indro, handefa vary ho anareo, divay vaovao, ary menaka Aho. Ho afa-po amin'izany ianareo, ary tsy havelako ho afa-baràka eo amin'ireo firenena intsony ianareo.
[20]Esoriko lavitra anareo ny mpanafika avy any avaratra, ary hitondra azy ireo ho eo amin'ny tany karakaina sy maina Aho. Ny loha-laharan'ny tafik'izy ireo dia handeha any amin'ny ranomasina atsinanana, ary vodi-laharany ho any amin'ny ranomasina andrefana. Hiakatra ny fofony, ary ny fofon-dratsiny hiakatra." Efa nanao zavatra lehibe tokoa izy.
[21]Aza matahotra, ry tany, mifalia sy miravoa, fa Yaveh hanao zavatra lehibe. [22]Aza matahotra, ry biby any an-tsaha, fa hitsimoka ny ahitra any an'efitra, hamoa ireo hazo, ary ny hazo aviavy sy ny voaloboka hamokatra feno. [23]Miravoa, ry vahoakan'i Ziona, ary mifalia ao amin'i Yaveh Andriamanitrareo. Fa hanome fararanon'orana ary handatsaka orana ho anareo Izy, fararanon'orana sy ny fararanon-dohataona toy ny teo aloha.
[24]Ny famoloana dia ho feno vary, ary ireo vata ho feno divay vaovao sy diloilo. [25]"Hamerina amin'ny laoniny ireo taonan'ny vokatra izay efa nohanin'ny andiam-balala Aho—ny valala lehibe, ny valala mpandrava, ary ny valala mpanimba ho anao Aho— ny tafiko mahery izay nalefako eo aminareo.
[26]Hihinana be dia be ianareo ary ho voky, ary miderà ny anaran'i Yaveh Andriamanitrareo, izay efa nanao fahagagana teo aminareo, ary tsy hitondra fahamenarana eo amin'ny oloko intsony Aho. [27]Hahafantatra ianareo fa eo amin'Israely Aho, ary Izaho no Yaveh Andriamanitrareo, ary tsy misy ankoatra Ahy, ary tsy hitondra fahamenarana eo amin'ny oloko intsony Aho.
[28]Ao aorian'izany dia handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho, ary ny zanakareo lahy sy zanakareo vavy dia haminany. Ny anti-dahinareo dia hanonofy, ny zatovonareo dia hahita fahitana. [29]Amin'ireo andro ireo, dia handrotsaka ny Fanahiko eo amin'ireo mpanompolahy sy mpanompovavy ihany koa Aho.
[30]Hampiseho fahagagana eny amin'ny lanitra sy eo amin'ny tany Aho, dia rà, sy afo, ary setroka miredareda. [31]Ny masoandro hivadika haizina ary ny volana ho rà, alohan'ny ahatongavan'ny andron'i Yaveh izay lehibe sy mampihorohoro.
[32]Izay rehetra miantso ny anaran'i Yaveh dia ho voavonjy. Fa eny amin'ny tendrombohitr'i Ziona sy any Jerosalema no hisy ireo izay tafandositra, araka izay voalazan'i Yaveh, ary eo amin'ireo sisa velona, ireo izay nantsoin'i Yaveh.

3 [1]Indro, amin'izany andro izany sy amin'izany fotoana izany, rehefa hampody ny sesitanin'i Joda sy Jerosalema Aho, [2]dia hanangona ny firenena rehetra Aho, ary hitondra azy ireo hidina eo amin'ny Lohasan'i Josafata. Hitsara azy ireo eny Aho, noho ny amin'ny Israely oloko sy lovako, izay niparitahan'izy ireo teo amin'ireo firenena, ary noho ny nizaran'izy ireo ny taniko. [3]Nanao filokana ho an'ny oloko izy ireo, ary nivarotra ny zazalahy ho an'ny mpivaro-tena, ary nivarotra ny zazavavy ho an'ny divay mba ho sotroin'izy ireo.
[4]Ankehitriny, nahoana no tezitra Amiko ianareo, ry Tyro, Sidona ary ny faritr'i Filistia rehetra? Hamaly faty Ahy ve ianareo? Na dia hamaly faty Ahy aza ianareo, dia ho averiko eo amin'ny lohanareo avy hatrany ny sazinareo. [5]Fa naka ny volafotsiko sy ny volamenako ianareo, ary hitondra ny harena sarobidy ao amin'ny tempolinareo Aho. [6]Nivarotra ny olon'i Joda sy Jerosalema amin'ireo Grika ianareo, mba hanesorana azy ireo lavitry ny faritaniny.
[7]Indro, hampiala azy ireo amin'ny toerana izay nivarotanareo azy ireo Aho, ary hanonitra eo amin'ny lohanareo.
[8]Hivarotra ny zanakareo lahy sy zanakareo vavy, eo an-tanan'ny olon'i Joda Aho. Hivarotra azy ireo ho amin'i Sabeana izy ireo, any amin'ny firenena lavitra. Fa Yaveh no efa niteny.
[9]Ambarao eo amin'ireo firenena izao hoe: 'Omano amin'ny ady ny tenanareo, fohazo ireo lehilahy mahery, aoka hanatona izy ireo, aoka ny lehilahin'ady rehetra hiakatra. [10]Tefeo ho sabatra ny fangadinareo ary ho lefona ny antsy fandrasanareo. Aoka ny osa hiteny hoe: "Mahery aho."
[11]Faingana ary tongava, ianareo firenena rehetra eny manodidina eny, vorio miaraka eny ny tenanareo. Ry Yaveh, ampidino ireo lehilahy mpiady maherinao.'
[12]Aoka hifoha ireo firenena ary hiakatra ho ao amin'ny Lohasahan'i Josafata. Fa ao no hitoerako hitsara ny firenena rehetra manodidina. [13]Apetraho ny antsy fijinjana, fa ny vokatra dia matoy. Miavia, potsipotsero ny voaloboka, fa feno ny famiazana. Mihoatra ny vata fitatazana, fa ny faharatsian'izy ireo dia goavana."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Misy tabataba, dia tabataba ao amin'ny Lohasahan'ny Fitsarana. Fa antomotra ny andron'i Yaveh ao amin'ny Lohasahan'ny Fitsarana. [15]Ny masoandro sy volana ho lasa maizina, ary ireo kintana hihazona ny famirapiratany.
[16]Hierona avy any Ziona Yaveh, ary hanandratra ny feony ao Jerosalema. Hiozongozona ny tany sy ny lanitra, nefa Yaveh dia ho fialofan'ny olony, ary fiarovana mafy ho an'ny olon'Israely. [17]"Dia ho fantatrareo fa Izaho no Yaveh Andriamanitrareo izay monina ao Ziona, tendrombohitro masina. Koa dia ho masina Jerosalema, ary tsy misy tafika hanao diabe eo aminy indray.
[18]Ho tonga izany amin'ny andro izay hipoiran'ny divay mamy amin'ny tendrombohitra, ny havoana dia hikoriana ronono, ny lohasahan-driakan'i Joda rehetra dia hikoriana rano, ary loharano dia ho tonga avy amin'ny tranon'i Yaveh ary ny rano avy amin'ny Lohasahan'i Sitima. [19]Ho tonga faharavana nilaozana i Egypta ary Edoma ho lasa efitra foana, noho ny herisetra natao tamin'ny olon'i Joda, satria nandatsaka ràn'olona tsy manan-tsiny tao amin'ny taniny izy ireo.
[20]Fa i Joda dia honenana mandrakizay, ary Jerosalema honenan'ny taranaka fara-mandimby. [21]Hamaly faty ny ràn'izay tsy mbola novaliako ho faty Aho," Fa Yaveh monina ao Ziona.

Amosa

1 [1]Ireto zavatra mahakasika an'Israely ireto no noraisin'i Amosa, iray tamin'ireo mpiandry ondry tao Tekoa, tao amin'ny fanambarana. Nandray ireo zavatra ireo izy tamin'ny andron'i Ozia mpanjakan'ny Joda, ary koa tamin'ny andron'i Jeroboama zanaka lahin'i Joasy mpanjakan'Israely, roa taona mialohan'ilay horohorontany. [2]Hoy izy hoe: "Hierona avy any Ziona i Yaveh; hampiakatra ny feony avy any Jerosalema Izy. Ho maina ny ahitr'ireo mpiandry ondry; halazo ny tampon'i karmela."
[3]Izao no lazain'Yaveh hoe: "Noho ireo fahotana telo nataon'i Damaskosy, eny, na efatra aza, dia tsy hanala ny sazy Aho, satria fitaovana vy no nivelesan'izy ireo an'i Gileada. [4]Handefasako afo ny taranak'i Hazaela, ary handevona ireo fiarovana mafin'i Beni-Hadada Aho.
[5]Ho tapahiko ny vy eo amin'ny vavahadin'i Damaskosy ary handringana ilay lehilahy izay monina ao Bikata Avena Aho, ary koa ilay lehilahy izay mitazona ny tehim-panjakana ao Bet-Edena. Ny vahoakan'i Syria dia handeha ho amin'ny fahababoana any Kira," hoy Yaveh.
[6]Izao no lazain'Yaveh hoe: "Noho ireo fahotana telo nataon'i Gaza, eny, na efatra aza, dia tsy hanala ny sazy Aho, satria nataon'izy ireo ho babo ny vahoaka manontolo, mba hanolorana azy ireo an'i Edoma. [7]Handefa afo amin'ireo rindrin'i Gaza Aho, ary handevona ireo fiarovana mafiny izany.
[8]Ho aringako ilay lehilahy izay monina ao Asdoda sy ilay lehilahy izay mitazona ny tehim-panjakana avy any Askelona. Hanohitra an'i Ekrona ny tanako, ary ho faty ireo Filistina tavela," hoy ny Tompo Yaveh.
[9]Izao no lazainy Yaveh hoe: "Noho ireo fahotana telo nataon'i Tyro, eny, na efatra aza, dia tsy hanala ny sazy Aho, satria nanolotra ny vahoaka manontolo an'i Edoma izy ireo, ary nandika ny fifanekem-pirahalahiany izy ireo. [10]Handefa afo eo amin'ireo rindrin'i Tyro Aho, ary handevona ireo fiarovana mafiny izany."
[11]Izao no nolazain'i Yaveh hoe: "Noho ireo fahotana telo nataon'i Edoma, eny, na efatra aza, dia tsy hanala ny sazy Aho, satria nanenjika ny rahalahiny tamin'ny sabatra izy ary nanary ny famindram-po rehetra. Ny hatezerany dia nitohy mandrakariva, ary naharitra mandrakizay. [12]Handefa afo eo Temana Aho, ary handevona ny lapan'i Bozra izany."
[13]Izao no nolazain'i Yaveh hoe: "Noho ireo fahotana telo nataon'ny vahoakan'i Amona, eny, na efatra aza, dia tsy hanala ny sazy Aho, satria nanataka ireo vehivavy bevoka tao Gileada izy ireo, mba hanitaran'izy ireo ny faritaniny.
[14]Handrehitra afo eo amin'ireo rindrin'i Raba Aho, ary handevona ireo lapa izany, miaraka amin'ny hiaka amin'ny andron'ny ady, miaraka amin'ny tafio-drivotra amin'ny andron'ny tadio. [15]Handeha ho amin'ny fahababoana ny mpanjakan'izy ireo, izy mbamin'ireo manam-boninahiny," hoy Yaveh.

2 [1]Izao no lazain'i Yaveh: "Noho ireo fahotana telon'i Moaba, eny na efatra aza, dia tsy hanala ny famaizana Aho, satria izy ireo dia nandoro ireo taolan'ny mpanjakan'i Edoma ho sokay.
[2]Handefa afo eo amin'i Moaba Aho, ary holevoniko ny fiarovana mafin'i Kiriota, ho faty ao anatin'ny kotaba sy hiaka ary ny feon'anjomara i Moaba. [3]Ho ravako ny mpitsara ao aminy, ary ho vonoiko miaraka aminy ny andriana rehetra," hoy i Yaveh.
[4]Izao no lazain'i Yaveh: "Noho ireo fahotana telon'i Joda, eny na efatra aza, dia tsy hanala ny famaizana Aho, satria izy ireo dia nanary ny lalàn'i Yaveh ary tsy nitandrina ireo didiny. Nampandeha azy ireo tany amin'ny lalan-diso ny laingan'izy ireo, dia nandeha nanaraka izany ihany koa ireo razany. [5]Handefa afo eo amin'i Joda Aho, ary ho levoniko ireo fiarovana mafin'i Jerosalema."
[6]Izao no lazain'i Yaveh: "Noho ireo fahotana telon'Israely, eny efatra aza, dia tsy hanala ny famaizana Aho. Satria namidin'izy ireo volafotsy ny tsy manan-tsiny ary ny mahantra ho kapa.
[7]Nanitsaka ny lohan'ny mahantra tahaka ny fanitsahan'ny olona ny vovoka amin'ny tany izy ireo; nandroaka ny ory izy ireo. Ny lehilahy sy ny rainy dia samy mandry amin'ny vehivavy iray ihany ary mandoto ny anarako masina. [8]Mandry eo anilan'ny alitara rehetra amin'ny akanjo azo tamin'ny antoka izy ireo, ary ao an-tranon'Andriamanitr'izy ireo no hisotroany ny divay izay avy amin'ireo voasazy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Nefa efa noravako teo anoloan'izy ireo ny Amorita, ny halavan'izany dia tahaka ny halavan'ny sedera, natanjaka tahaka ireo Ôka. Efa noravako ny voany ambony, sy ny fakany ambany. [10]Ary koa, nitondra anareo nivoaka avy tany amin'ny tany Egypta Aho ka nitarika anareo efapolo taona tany an-efitra mba ahazoana ny tanin'ny Amorita.
[11]Nanandratra mpaminany avy tamin'ireo zanakalahinareo sy Nazirita avy tamin'ireo zatovonareo Aho. Moa tsy izany ve, ry vahoakan'Israely? —Izany no fanambaran'i Yaveh. [12]Nefa ianareo dia nandresy lahatra ireo Nazarita hisotro divay ary nandidy ireo mpaminany tsy haminany.
[13]Indro, hanitsaka anareo tahaka ny fanitsahan'ny sarety feno vary ny olona Aho. [14]Tsy hahita handosirana ny olona kinga; tsy hampitombo ny heriny ny matanjaka; na ny mahery hahavonjy ny tenany.
[15]Tsy ahajoro ny mpandefa tsipìka; tsy ho afa-mandositra ny mpihazakazaka aingam-pandeha; tsy hahavonjy ny tenany ny mpitaingin-tsoavaly. [16]Na dia ny mpiady be herim-po aza dia handositra mitanjaka amin'izany andro izany —Izany no fanambaran'i Yaveh."

3 [1]Henoy izao teny izay notenenin'i Yaveh taminareo izao, ry olon'Israely, amin'ireo fianakaviana manontolo izay nentiko hivoaka ny tany Egypta: [2]"Ianareo irery ihany no nofidiko amin'ireo fianakaviana rehetra eto ambonin'ny tany. Noho izany, dia hofaiziko ianareo noho ireo otanareo rehetra."
[3]Moa ve hiaraka handeha ny roa raha tsy niombon-kevitra izy ireo? [4]Moa ve hierona any an'ala ny liona raha tsy misy haza izy? Moa ve hierona ao an-davany ny liona tanora raha tsy nahazo na inona na inona izy?
[5]Moa ve afaka mianjera anaty fandrika ety amin'ny tany ny vorona raha tsy misy tadivavarana voapetraka ho azy akory? Moa ve hikatona ny fandrika ety amin'ny tany raha tsy nahazo na inona na inona akory izy? [6]Haneno ao an-tanàna ve ny trompetra ka tsy hangovitra ny olona? Ho avy ao an-tanàna ve ny loza raha tsy i Yaveh no nandefa izany?
[7]Azo antoka fa tsy hanao na inona na inona i Tompo Yaveh raha tsy manambara ireo fikasany amin'ireo mpaminany mpanompony Izy. [8]Iza no tsy hahatahotra; raha nierona ny liona? Efa niteny ny Tompo Yaveh, iza no tsy haminany?
[9]Ambarao any amin'ireo fiarovana mafin'i Asdoda izany, ary any amin'ny fiarovana mafin'ny tany Egypta; lazao hoe: "Miangòna ianareo eny amin'ireo tendrombohitr'i Samaria ary jereo ny fifanjevona be izay ao aminy, ary inona ny fahoriana ao aminy. [10]Fa tsy mahalala ny fanaovana ny marina izy ireo —izany no fanambaran'i Yaveh— Mitahiry herisetra sy faharavana ao amin'ny mandany izy ireo."
[11]Noho izany, izao no lazain'ny Tompo Yaveh hoe: "Hiodidina ny tany ny fahavalo. Handrava ireo fiarovanao mafy izy ary handroba ireo mandanao. [12]Izao no lazain'i Yaveh: "Tahaka ny famonjen'ny mpiandry ondry ny tongotra roa fotsiny amin'ny vavan'ny liona, na sombin'ny sofina, no hamonjena ny olon'Israely izay monina any Samaria, eo anjoron-tseza fotsiny, na koa eo anjorom-parafara ihany."
[13]Mihainoa ary mijoroa ho vavolombelona manohitra ny ankohonan'i Jakoba —Izao no fanambarana nataon'ny Tompo Yaveh, Andriamanitra Tompon'ny maro: [14]Fa amin'ny andro izay hamaizako ireo fahotan'Israely, dia ho faiziko ihany koa ny alitaran'i Betela. Hotapahina ireo tandroky ny alitara ary hianjera amin'ny tany.
[15]Horavako ny trano ririnina miaraka amin'ny trano fahavaratra. Ho simba ny trano ivory ary ireo tranobe dia hanjavona, —izany no fanambaran'i Yaveh."

4 [1]Henoy izao teny izao, ianareo ry ombivavin'i Basana, ianareo izay any an-tendrombohitr'i Samaria, ianareo izay mampahory ny mahantra, ianareo izay manorotoro ny ory, ianareo izay milaza amin'ny vadinareo hoe: "Itondray zava-pisotro izahay." [2]Efa nianiana tamin'ny fahamasinany ny Tompo Yaveh hoe: "Indro, ho avy aminareo ny andro izay hakan'izy ireo anareo amin'ny farango, ary ny sisa aminareo amin'ny fintana.
[3]Hivoaka eo amin'ilay vaky eo amin'ny mandan'ny tanàna ianareo, samy hanitsy amin'izany avy, ary hatsipy any ivelany mankany Harmona ianareo —izany no fanambaran'i Yaveh."
[4]"Mandehana any Betela dia manotà, any Gilgala ka ampitomboy ny fahotana, ento isa-maraina ny soronareo, ny ampahafolon-karenareo isaky ny telo andro. [5]Manolora sorona fanati-pisaorana miaraka amin'ny mofo; manambarà fanati-tsitrapo; torio ireo, fa mahafinaritra anareo izany, ry olon'Israely —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh.
[6]Nomeko fanadiova-nify ianareo tany amin'ny tanànanareo rehetra ary tsy fahampian'ny mofo tao amin'ny toeranareo rehetra. Kanefa tsy niverina tamiko ihany ianareo—izany no fanambaran'i Yaveh. [7]Nanakana ny orana tsy ho eo aminareo ihany koa Aho raha mbola nisy telo volana hijinjana. Nataoko nanorana teo amin'ny tanàna iray, ary nataoko tsy nanorana teo amin'ny tanàna iray hafa. Ny ampahan-tany nisy orana, fa ny ampahany hafa izay tsy mba nisy orana dia maina.
[8]Tanàna roa na telo no nivembena nankany amin'ny tanàna iray hafa mba hisotro rano, saingy tsy afa-po. Kanefa tsy niverina tamiko ihany ianareo —izany no fanambaran'i Yaveh. [9]Nampahory anareo tamin'ny fahamainan'ny voly sy ny bobongolo aho. Ny habetsahan'ny sahanareo, ny tanim-boalobokareo, ny hazon'aviavinareo, ary ny hazon'olivanareo— efa narapaky ny valala avokoa izy rehetra. Kanefa tsy niverina tamiko ihany ianareo— izany no fanambaran'i Yaveh.
[10]Nandefa areti-mandringana teo aminareo toy ny teo amin'ny Egypta Aho. Novonoiko tamin-tsabatra ny tovolahinareo, nalaiko ny soavalinareo, ary nataoko teo amin'ny vavoronareo ny hamaimbon'ny tobinareo. Kanefa tsy niverina tamiko ihany ianareo— izany no fanambaran'i Yaveh. [11]Nandringana tanàna teo aminareo aho, toy ny tamin'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

nandringanan'Andriamanitra an'i Sodoma sy Gomora. Efa sahala amin'ny tapa-kazo mirehitra nosintonina avy tao amin'ny afo ianareo. Kanefa tsy niverina tamiko ihany ianareo— izany no fanambaran'i Yaveh.
[12]Noho izany dia hanao zavatra mahatsiravina aminareo Aho, ry Israely; ary satria hanao zavatra mahatsiravina aminareo Aho, dia miomàna hihaona amin'ny Andriamanitrareo, ry Israely! [13]Fa indro, ilay nanao ny tendrombohitra ihany koa no nahary ny rivotra, mampiseho ny heviny amin'ny zanak'olombelona, mahatonga ny maraina ho aizina, ary manosiosy ny toerana avon'ny Tany. Yaveh, Andriamanitra Tompon'ny maro, no anarany."

5 [1]Henoy ity teny izay nalaiko ho fitarainana eo aminao ity, ry ankohonan'Israely. [2]Lavo ny virijinin' Israely; ary tsy hitsangana intsony izy; nazera tamin'ny taniny izy; ary tsy misy na dia iray aza hanangana azy.
[3]Fa izao no lazain'ny Tompo Yaveh: "Ilay tanàna izay nivoahan'ny arivo dia hanana zato tavela, ary ilay iray izay nivoahan'ny zato dia hanana folo tavela izay an'ny ankohonan'Israely."
[4]Fa izao no lazain'i Yaveh tamin'ny ankohonan'Israely hoe: "Tadiavo Aho dia ho velona ianao! [5]Aza mitady an'i Betela; na miditra any Gilgala; aza mandeha any Beri-sheba. Fa Gilgala dia azo antoka fa ho babo, ary ho lasa tsinontsinona i Betela.
[6]Tadiavo Yaveh dia ho velona ianao, raha tsy izany dia hivoaka toy ny afo ao amin'ny ankohonan'i Josefa Izy. Handrapaka izany, ary tsy hisy na iza na iza hamono izany any Betela. [7]Ireo olona ireo dia hamadika ny rariny ho zava-mangidy ary hanipy ny fahamarinana amin'ny tany!"
[8]Andriamanitra nanao an'Ikotokelimiadilaona sy ny Telonohorefy; mamadika ny haizina ho maraina Izy; manao ny andro ho maizina miaraka amin'ny alina Izy ary miantso ny ranon'ny ranomasina; mandraraka ireo amin'ny velaran-tany Izy. Yaveh no anarany! [9]Mitondra faharinganana tampoka eo amin'ny mahery izy mba ho tonga eo amin'ny fiarovana mafy ny fandravana.
[10]Mankahala ny olona rehetra izay manitsy azy ireo ao amin'ny vavahadin'ny tanàna Izy, ary mankahala ny olona rehetra izay miteny ny marina izy ireo. [11]Satria manitsakitsaka ireo mahantra ianao ary maka ampaham-bary aminy— na dia nanorina trano vita tamin'ny vato aza ianao, dia tsy hipetraka ao amin'izany. Manana tanim-boaloboka mahafinaritra ianao, kanefa tsy hisotro ny divain'izany ianao.
[12]Fa fantatro ny isan'ireo fandikan-dalànao sy ny halehiben'ireo fahotanao— ianao izay mampahory ny rariny, mandray ny kolikoly, ary mivily amin'ireo olona mila fanampina ao amin'ny vavahadin'ny tanàna. [13]Noho izany dia mangina amin'ny fotoana tahaka izany ny olon-kendry, satria fotoana ratsy izany.
[14]Mitadiava ny tsara fa tsy ny ratsy, mba ho velona ianao. noho izany Yaveh, Ilay Andriamanitry ny maro, dia tena homba anao, araka ny lazainao fa Izy. [15]Hankahalao ny ratsy, tiavo ny tsara, apetraho ny rariny ao amin'ny vavahadin'ny tanàna. Angamba Yaveh, ilay Andriamanitry ny maro hamindra fo amin'ireo sisa navelan'i Josefa.
[16]Noho izany, izao no lazain'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny maro, ny Tompo hoe: "Ny fidradradradrana dia ho amin'ny ireo efa-joro rehetra, ary hilaza izany any amin'ny lalana rehetra izy ireo, 'Loza, loza!' Hiantso ireo mpamboly mba ho amin'ny fisaonana izy ireo ary ireo malahelo mba hidradradradra. [17]Hisy fidradradradrana ao amin'ireo tanim-boaloboka rehetra, satria handalo ao afovoanareo Aho," hoy Yaveh.
[18]Loza ho anareo izay maniry ny andron'i Yaveh! Nahoana ianareo no maniry ny andron'i Yaveh? Ho fahamaizinana izany ary tsy hisy hazavana, [19]toy ny olona rehefa mandositra liona sy bera mifanena aminy, na miditra ao amin'ny trano sy mametraka ny tanany eo amin'ny manda ary manaikitra azy ny menarana. [20]Moa ve ny andron'i Yaveh tsy aizina fa tsy hazavana? Haizim-pito ary tsy misy famirapiratana?
[21]"Halako, hataoko tsinontsinona ny firavoravoanareo, tsy maka maminy amin'ireo fivondronanareo manetriketrika Aho.
[22]Na dia manolotra fanatitra dorana sy fanatitra hohanina Amiko aza ianareo, dia tsy handray ireo Aho, na hijery ny fanati-pihavanan'ireo biby matavinareo.
[23]Esory tamiko ny tabataban'ireo hiranareo; tsy hihaino ny feon'ny lokanganareo aho. [24]Fa kosa, avelao hikoriana toy ny rano ny rariny, ary ny fahamarinana toy ny renirano mikoriana lalandava.
[25]Nitondra sorona sy fanatitra tany an'efitra nandritry ny efa-polo taona ho ahy ve ianareo, ry ankohonan'Israely?
[26]Hanandratra an'i Sokita ho mpanjakanareo ianareo, ary Kiona, andriamanitry ny kintanareo —sampy izay nataonareo ho anareo.
[27]Noho izany dia halefako sesitany mihoatran'i Damaskosy ianareo," hoy Yaveh, izay Andriamanitry ny maro no anarany.

6 [1]Loza ho an'ireo izay mahazo aina ao Ziona, ary ho an'ireo izay milamina ao amin'ny tany havoan'i Samaria, ireo olo-malaza avy amin'ireo firenena tsara indrindra, izay hatongavan'ny taranak'Israely mba ho vonjena! [2]Hoy ireo mpitarika anareo: "Mandehana any Kalne ka mijere; avy ao dia mandehana any Hamata, ilay tanàna lehibe; avy eo dia midìna any Gatan'ireo Filistina. Moa ve tsara noho ireo fanjakanao roa ireo? Moa ve lehibe noho ny faritaninao ny faritanin'izy ireo?"
[3]Loza ho an'ireo izay mampihemotra ny andron'ny loza sy mampanakaiky ny seza fiandrianan'ny herisetra. [4]Mandry eo am-pandriana ivory izy ireo ary mitsotsotra eo am-parafaran'izy ireo. Mihinana zanak'ondry avy amin'ireo ondry aman'osy izy ireo ary zanak'ondry avy amin'ny fihinanam-bilona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Nihira ireo hira adaladala tamin'ny feon'ny harpa izy ireo; namoromporona zava-maneno tahaka ny nataon'i Davida.
[6]Nisotro divay tamin'ny lovia jobo izy ireo ary nihosotra diloilo tsara indrindra, nefa tsy nalahelo ny amin'ny faharavan'i Josefa.
[7]Koa handeha an-tsesitany miaraka amin'ireo sesitany voalohany izy ireo ankehitriny, ary ny firavoravoan'ireo izay mitsotsotra dia ho foana. [8]"Izaho, Tompo Yaveh, dia efa nianiana tamin'ny tenako —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh, Andriamanitra Tompon'ny maro, halako ny fieboeboan'i Jakoba; halako ny fiarovana mafiny. Koa hanolotra ny tanàna mbamin'izay rehetra ao aminy Aho."
[9]Ary raha misy folo lahy tavela ao an-trano iray, dia ho faty avokoa izy rehetra. [10]Raha misy havan-dralehilahy tonga mba haka ny fatin'izy ireo—ny iray izay handoro ny fatin'izy ireo aorian'ny hitondrany ireo faty mivoaka ny trano—raha miteny amin'ny olona ao an-trano izy hoe: "Misy olona miaraka aminao ve ao?" Raha mamaly izany olona izany hoe: "Tsia". Dia hiteny izy hoe: "Mangìna, fa aoka isika tsy hanonona ny anaran'i Yaveh."
[11]Fa, indro, hanome baiko Yaveh, ka ho torotoro ny trano lehibe ary ho potipotika ny trano kely.
[12]Moa ve ny soavaly mihazakazaka amin'ny harambato? Moa ve misy olona mampihosy omby ao? Nefa namadika ny fahamarinana ho poizina ianareo ary ny vokatry ny fahamarinana ho fangidian. [13]Ianareo izay mifaly amin'i Lodebara, izay manao hoe: "Moa ve tsy efa naka an'i Karnaima tamin'ny herinay ihany izahay?"
[14]"Nefa indro, hanangana firenena hanohitra anareo Aho, ry taranak'Israely—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh, Andriamanitra Tompon'ny maro. Hampahory anareo manomboka ao Lebo-hamata hatrany amin'ny lohasahan-driakan'i Araba izy ireo."

7 [1]Izany no nasehon'i Yaveh tamiko. Indro, namorona valala be izy rehefa nanomboka niakatra ny vokatry ny lohataona, ary indro, taraiky ny vokatra tao aorian'ny vokatry ny mpanjaka. [2]Rehefa avy nihinana ny vokatry ny tany izy ireo, dia hoy aho: "Ry Tompo Yaveh, mba mamindrà re fo amiko, ahoana no haveloman'i Jakoba? Satria dia tena kely izy?" [3]ka nanatsahatra ny mahakasika izany Yaveh. "Tsy hiseho izany", hoy Izy.
[4]Izao no nasehon'i Tompo Yaveh ahy: Indro, miantso amin'ny fitsaran'ny afo ny Tompo Yaveh. Izany no nanamaina ny tany malalaka, ny rano lalina ambanin'ny tany ary handevona ny tany ihany koa. [5]Kanefa hoy aho hoe: "Tompo Yaveh o, ajanony re; ahoana no haveloman'i Jakoba? Fa tena bitika izy." [6]Dia nanatsahatra ny mahakasika izany i Yaveh hoe: "Tsy hitranga ihany koa izany," hoy ny Tompo Yaveh.
[7]Izao no nasehony ahy: Indro, nitsangana teo akaikin'ny rindrina ny Tompo, niaraka tamin'ny vato pilao teny an-tanany.
[8]Yaveh nanao tamiko hoe: "Ry Amosa, Inona no itanao?" Dia hoy aho: "Vato pilao milahatra." Ary hoy ny Tompo hoe: "Indro, hametraka pilao eo amin'ny Israely vahoakako Aho. Tsy hamindra fo amin'izy ireo intsony Aho.
[9]Horavana ireo fitoerana avon'i Isaka, hopotehina ireo fitoerana masin'ny Israely, ary hitsangana hanohitra amin'ny sabatra ny taranak'i Jeroboama Aho."
[10]Ary Amazia, ilay mpisoron'i Betela, nandefa hafatra tany amin'ny Jeroboama, mpanjakan'Israely hoe: "Efa nitetika hanohitra anao eo anivon'ny taranak'Israely i Amosa. Tsy zakan'ny tany ireo teniny rehetra.[11]Fa izao no tenin'i Amosa: 'Ho faty amin'ny sabatra i Jeroboama, ary ho sesi-tany hiala amin'ny taniny tokoa ny Israely.'"
[12]Amazia niteny tamin'i Amosa hoe: "Ry Mpahita, miverena any amin'ny tanin'i Joda, ary mihinana mofo sy maminania any.[13]Fa aza manao faminaniana eto Betela intsony, satria fitoerana masin'ny mpanjaka sy tranon'ny mpanjaka ity."
[14]Dia hoy Amosa tamin'i Amazia hoe: "Tsy mpaminany aho na zanaky ny mpaminany. Mpiandry ondry sy mpikarakara hazo amontana ary aviavy aho. [15]Fa naka ahy avy teny ampiandrasan'ondry i Yaveh ary niteny tamiko hoe: "Mandehana, ka maminania amin'ny Israely vahoakako."
[16]Ankehitriny mihainoa ny tenin'Yaveh. Hoy ianao hoe: "Aza maminany hanohitra an'i Israely, ary aza miteny manohitra ny taranak'Isaka." [17]Noho izany dia izao no lazain'Yaveh: "Ho lasa mpivaro-tena ao an-tanàna ny vadinao; ireo zanakalahinareo sy ireo zanakavavinareo dia ho lavo amin'ny alalan'ny sabatra; horefesina ny taninao ary hozaraina; ho faty ao amin'ny tany maloto ianao, ary halefa sesi-tany hiala ao amin'ny taniny tokoa ny Israely.""

8 [1]Izao no nasehon'ny Tompo Yaveh tamiko. Indro, voankazon'ny fahavaratra iray harona! [2]Hoy Izy hoe: "Inona no hitanao, ry Amosa?" Dia hoy aho hoe: "Ny haron'ny voankazo fahavaratra." Dia hoy i Yaveh tamiko hoe: "Efa tonga amin'ny Israely vahoakako ny farany; tsy hamindra fo amin'izy ireo intsony aho. [3]Ho tonga fidradradradrana ny hiran'ny tempoly. Tamin'izany andro izany—izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh. Ho maro ireo faty, dia hatsipin'izy ireo mangingina eny amin'ny rehetra eny ireny!"
[4]Henoy izao, ianareo izay manitsaka ny ory sy manilika ny mahantran'ny tany. [5]Hiteny izy ireo hoe: "Rahoviana no ho tapitra ny volana vaovao, mba hafahantsika mivarotra vary indray? Rahoviana no ho tapitra ny andro Sabata, mba hahafahantsika mivarotra vary? Hataontsika kely ny famarana ary hampiakarina ny vidim-bary, ary hangalatra amin'ny mizàna diso isika. [6]Izany dia mba hahafahantsika mivarotra vary ratsy, vidio amin'ny volafotsy ny ory, ary ny mahantra amin'ny kapa."
[7]Nianiana tamin'ny fireharehan'i Jakoba i Yaveh hoe: "Tena tsy ho adinoko mandrakizay mihitsy ny nataon'izy ireo." [8]Tsy hihorohoro noho izany ve ny tany, ary ny olona rehetra izay monina ho ao amin'izany dia misaona? Ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ankabetsahan'izany dia hitsangana toy ny Onin'i Neily, ary hisamboaravoara sy hilentika indray izany, tahaka ny Onin'ny Egypta.
[9]"'Dia ho avy izany amin'io andro io —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh— fa hampiposaka ny masoandro amin'ny mitatao vovonana Aho, ary hanamaizina ny tany amin'ny atoandro. [10]Hamadika ny firavoravoanareo ho fisaonana Aho ary ireo hiranareo rehetra ho fitomaniana. Hampanaoviko ny akanjo fisaonana avokoa ianareo rehetra ary ho sola ny lohan'ny tsirairay. Hanao izany ho tahaka ny fisaonana ho an'ny zanaka lahitokana izany, ary andro mangidy any amin'ny faran'izany.
[11]Indro, tonga ny andro —izany no fanambaran'ny Tompo Yaveh— Rehefa handefa mosary eny amin'ny tany Aho, tsy mosary mofo, na koa hetaheta rano, fa ho amin'ny fandrenesana ireo tenin'i Yaveh. [12]Hivembena erakin'ny ranomasina izy ireo; dia hiazakazaka avy any avaratra ka hatrany atsinanana mba hitady ny tenin'i Yaveh, saingy tsy hahita izany izy ireo.
[13]Amin'izany andro izany ireo virijiny tsara tarehy sy ireo tovolahy dia ho ketraky ny hetaheta. [14]Ireo izay nianiana tamin'ny fahotan'i Samaria [1]dia ho lavo izy ireo ary tsy hitsangana intsony."

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony ho "ny fahotan'i Samaria", misy amin'ireo dikan-teny sasany manao hoe: "Asima an'i Samaria" Asima no anaran'ny andriamanibavin'ny Pagana notompoina tany amin'ny faritr'i Syria sasany. Ary nanao hoe: "Raha mbola miaina koa ny andriamanitrao, ry Dana" ary hoe: "Raha mbola misy koa ny lalana mankany Beri-sheba"— ny lahatsoratra Hebreo misy hoe "Raha mbola misy koa ny lalana mankany Beri-sheba", izay mety manondro izay andehanan'ny vahoaka hanompo ireo sampin'i Beri-sheba mety efa nolazaina. Kanefa, ireo dikan-teny sasany te hanova ilay lahatsoratra Hebreo mba hovakiana hoe "Raha mbola miaina koa ny tian'i Beri-sheba". Eto ny "tia" dia midika sampy izay tompoina any Beri-sheba.

---

9 [1]Nahita ny Tompo nijoro teo akaikin'ny Alitara aho, ary hoy Izy hoe: "Kapohy ny tendron'ireo andry mba hihozona ireo fototra. Torotoroy ny eny amin'ny lohany rehetra eny, ary hamono amin'ny sabatra ny sisa tavela amin'izy ireo Aho. Tsy misy iray handositra amin'izy ireo, tsy misy ho tafatsoaka amin'izy ireo. [2]Na handavaka any amin'ny fiainan-tsi-hita aza izy ireo, dia ny tanako no haka azy ireo any. Na dia hiakatra eny amin'ny lanitra aza izy ireo, dia ho entiko midina.
[3]Na dia miafina any an-tampon'ny Karmela aza izy ireo, dia hikaroka ary haka azy ireo any Aho. Na dia miafina any ambanin'ny ranomasina aza izy ireo, dia haniraka ny bibilava any Aho, ary hanaikitra azy ireo izany. [4]Na dia mandeha ao amin'ny fahababoana aza izy ireo, entin'ny fahavalony eo anoloan'izy ireo, dia hanome baiko ny sabatra Aho, ary hamono azy ireo izany. Hijery azy ireo foana ny masoko mba hanimba fa tsy hanao soa azy ireo."
[5]Yaveh Tompon'ny maro dia nikasika ny tany ary lasa karakaina izany; ny rehetra izay miaina ao amin'izany dia misaona; hiakatra toy ny Ony izany rehetra izany, ary hilentika indray toy ny onin'i Egypta, [6]Izy no nanamboatra ireo tohany any an-danitra, ary efa nametraka ny andohalambony manerana ny tany. Niantso ny ranon'ny ranomasina Izy, ary nandraraka izany teo amin'ny velaran-tanin'izy ireo, Yaveh no anarany.
[7]Tsy toy ny vahoakan'i Etiopia ve ianareo ho ahy, ry vahoakan'Israely? —izany no fanambaran'i Yaveh. Tsy nitondra an'Israely hivoaka an'i Egypta, ireo filistina avy any Kreta, ary ireo Syriana avy tany Kira ve Aho? [8]Indro, eo amin'ny fanjakana mpanota ny mason'ny Tompo Yaveh, ary hamongotra azy tsy ho eto ambonin'ny tany aho, kanefa tsy hamotika tanteraka ny tranon'i Jakoba aho —izany no fanambaran'i Yaveh.
[9]Indro, hanome baiko, ary hanozongozona ny zanak'Israely eo amin'ny firenena rehetra Aho, tahaka ny olona manivana vary amin'ny sivana, mba tsy hilatsahan'ny vato kely amin'ny tany. [10]Ny mpanota rehetra avy amin'ny vahoakako dia ho faty amin'ny sabatra, ireo izay milaza hoe: 'Tsy hahatratra na hanatona antsika ny loza.'
[11]Amin'izay andro izay dia hanangana ny trano-lain'i Davida izay nianjera Aho, ary hanampina ireo bangany. hatsangako ireo faharavany, ary hamboariko ho toy ny tamin'ny andro fahiny izany. [12]Mba hananan'izy ireo ny sisa tavela an'i Edoma, ary ny firenena rehetra izay nantsoina tamin'ny anarako —izany no fanambaran'i Yaveh—nanao izany Izy.
[13]Indro, ho avy ilay andro—izany no fanambaran'i Yaveh— rehefa mahatratra ny fijinjana ny mpiasa-tany, ary ireo mpioty voaloboka dia hahatratra azy izay namboly ny voany. Ireo tendrombohitra dia hampiboiboika divay mamy, ary ireo havoana rehetra dia hikoriana miaraka amin'izany.
[14]Ho entiko miverina avy any amin'ny fahababoana ny vahoakako Israely. Hanangana ireo tanàna rava izy ireo ary hipetraka amin'izany, hamboly tanim-boaloboka izy ireo ary hisotro ny divain'izany, ary hanao zaridaina izy ireo ary hihinana ny vokatr'izany. [15]Hamboly izany eo amin'ny tanin'izy ireo Aho, ary tsy hihongotra eo amin'ny tany izay nomeko azy ireo intsony mihitsy izy ireo," hoy i Yaveh Andriamanitrareo.

Obadia

1 [1]Ny fahitan'i Obadia. Izao no lazain'ny Tompo Yaveh mahakasika an'i Edoma: Efa nandre tatitra avy tamin'i Yaveh sy ny masoivoho izay nalefa ho eo amin'ireo firenena izahay, nanao hoe: "Mitsangàna! Aoka isika hitsangana mba hiady hanohitra azy!" [2]Indro, hataoko kely eo amin'ireo firenena ianao, ho atao tsinontsinona tanteraka ianao.
[3]Namitaka anao ny fireharehan'ny fonao, ianao izay mipetraka eny an-tsefatsefaky ny vato, amin'ny tranonao avo; izay manao anakam-po hoe: "Iza no hampidina ahy ho any amin'ny tany?" [4]Na dia manidina avo tahaka ny voromahery sy naorina teo amin'ireo kintana aza ny akaninao, dia hampidina anao avy eny Aho, hoy Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Raha tonga ao aminao ny mpangalatra, raha avy alina ny jiolahy (ahoana no faharavanao!), moa ve tsy izay sahaza azy ihany no angalariny? Raha tonga tao aminao ny mpioty voaloboka, moa ve tsy avelany eo ireo niraraka? [6]Endrey ny fitadiavana an'i Esao, sy ny fitadiavana ireo harena miafiny!
[7]Ireo lehilahy rehetra nifanaraka taminao dia handefa anao amin'ny lalanao mankany amin'ny sisin-tany. Ireo lehilahy nihavana taminao dia efa namitaka anao, ary nandresy anao. Ireo izay mihinana ny mofonao dia efa nametraka fandrika teo ambaninao. Tsy misy fahazavan-tsaina ao aminy. [8]"Moa ve tsy amin'izany andro izany aho" hoy i Yaveh, "no hamotika ireo lehilahy hendry avy any Edoma sy mazava saina ao an-tendrombohitr'i Esao? [9]Ho raiki-tahotra ireo lehilahy maherinao, ry Temana, ka ho ringana amin'ny alalan'ny famonoana avy any an-tendrombohitr'i Esao ny lehilahy rehetra.
[10]Nohon'ny herisetra natao tamin'i Jakoba rahalahinao, dia ho rakotra henatra ianao, ary ho ringana mandrakizay.
[11]Tamin'ny andro namitsahanao, tamin'ny andro nitondran'ireo vahiny ny fananany, sy ny nidiran'ireo hafa firenena ny vavahadiny, ary ny nanaovana loka an'i Jerosalema, dia tahaka ny iray tamin'izy ireo ianao.
[12]Fa aza mifaly amin'ny andron'ny rahalahinao, amin'ny andron'ny fahavoazany, ary aza mifaly eo amin'ireo vahoakan'i Joda amin'ny andro handringanana azy; aza mirehareha amin'ny andro maha-ory azy ireo. [13]Aza miditra ny vavahadin'ny vahoakako amin'ny androm-pahavoazan'izy ireo, aza mifaly amin'ny fahoriany amin'ny andro hahitany loza, aza mandroba ny fananan'izy ireo amin'ny andro maharava azy. [14]Aza mitsangana eo an-tsampanan-dalana, mba handringana ireo mpandositra ary aza manome ny sisa tsy matiny amin'ny andro maha-ory.
[15]Fa efa akaikin'ny firenena rehetra ny andron'i Yaveh. Toy ny nataonao, no mbola hatao aminao; hitsingerina ao an-dohanao ny zava-bitanao. [16]Fa tahaka ny efa nisotroanao tao an-tendrombohitro masina, no hisotroan'ireo firenen-drehetra tsy an-kiato. Hisotro sy hitelina izy ireo, ary ho toy ny tsy àry izy ireo.
[17]Fa any an-tendrombohitra Ziona no hisy ireo izay tafatsoaka ary ho masina izany; ary ny taranak'i Jakoba hahazo ny fananany manokana. [18]Ny taranak'i Jakoba dia ho afo, ary ny taranak'i Josefa dia ho lelan'afo, ary ny taranak'i Esao ho mololo, ary handoro azy izy ireo izany, ka handevona azy ireo. Tsy hisy ho velona ny taranak'i Esao, satria izany no tenin'i Yaveh."
[19]Ireo izay avy amin'i Negeva dia hanana ny tendrombohitr'i Esao ary ireo izay avy any Sefela hanana ny tanin'ireo Filistina. Hanana ny tanin'i Efraima sy ny tanin'i Semaria izy ireo; ary benjamina hanana an'i Gileada.
[20]Ireo sesitanin'ny zanak'Israely maro dia hanana ny tany Kanana ka hatrany Zarefata. Ireo sesitanin'i Jerosalema, izay any Sefarada dia hanana ny tanànan'i Negeva. [21]Ireo mpamonjy dia hiakatra any an-tendrombohitra Ziona ary hanapaka manerana ny tany havoan'i Esao, ary ny fanjakana dia an'i Yaveh. [1]

[1]Fanamarihana: Raha tokony ho "mpamonjy", ny ankamaroan'ny fandikana amin'izao fotoana dia manaraka ireo mpandika teny taloha sasany amin'ny famakiana hoe "Ireo izay ho voavonjy".

Jona

1 [1]Ary tonga teo amin'i Jona zanaka lahin'i Amitahy ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"Mitsangàna ary mandehana any Ninive, izay tanàna tena lehibe, ary miresàha ny momba izany, satria efa niakatra teo anatrehako ny faharatsian'izy ireo." [3]Fa nitsangana i Jona mba hitsoaka ny fanatrehan'i Yaveh ary nandeha tany Tarsisy. Nidina tany Jopa izy ary nahita sambo hiainga ho any Tarsisy. Koa dia naloany ny saran-dalana ary niakatra tao amin'ilay sambo niaraka tamin'izy ireo ho any Tarsisy izy, lavitry ny fanatrehan'Andriamanitra.
[4]Fa nandefasan'i Yaveh rivo-mahery teny amin'ny ranomasina ary dia lasa tafio-drivotra teny amin'ny ranomasina izany. Vetivety teo dia hita fa ho potika ilay sambo. [5]Ary lasa natahotra mafy ireo tantsambo ka niantso mafy ny andriamaniny manokana. Natsipin'izy ireo tany an-dranomasina ny entana tao amin'ilay sambo mba hanamaivana izany. Fa Jona kosa nidina lalina tao amin'ilay sambo, ary nitsilany renoky ny torimaso tao.
[6]Ka nanatona azy ny kapitenin-tsambo ary niteny taminy hoe: "Nahoana ianao no matory? Mitsangàna! Antsoy ny andriamanitrao! Mety mba hahita antsika ny andriamanitrao ka tsy ho faty isika." [7]Nifampiresaka izy rehetra nanao hoe: "Manatona, andao isika hanao ankitsapaka, mba hafahantsika mahafantatra hoe iza no anton'izao loza mitranga amintsika izao." Ka nataon'izy ireo ny ankitsapaka, ary nitontona teo amin'i Jona izany.
[8]Dia hoy izy ireo tamin'i Jona hoe: "Mba teneno anay re hoe iza no anton'izao loza mitranga amintsika izao. Inona no asanao, ary avy aiza ianao? Inona no firenenao, ary avy amin'ny vahoaka iza ianao? [9]Hoy Jona tamin'izy ireo hoe: "Hebreo aho; ary matahotra an'i Yaveh, ilay Andriamanitry ny lanitra, izay nanao ny ranomasina sy ny tany maina." [10]Ary vao mainka niha-natahotra ireo lehilahy ka niteny tamin'i Jona hoe: "Fa inona ity nataonao?" Fa fantatr'ireo lehilahy fa nitsoaka ny fanatrehan'i Yaveh izy, satria nolazainy tamin'izy ireo.
[11]Ary hoy izy ireo tamin'i Jona hoe: "Inona no tokony ho ataonay aminao mba hampilamina ny ranomasina ho anay?" Satria niha-nanonja mafy dia mafy ny ranomasina. [12]Hoy i Jona tamin'izy ireo hoe: "Raiso aho ary atsipazo any anaty ranomasina. Ary hilamina ho anareo ny ranomasina, satria fantatro fa noho izaho no mahatonga izao tafio-drivotra izao hitranga aminareo." [13]Na dia izany aza, dia namohy mafy ireo lehilahy mba hampiverina azy ireo eny an-tanety, saingy tsy afaka nanao izany izy ireo satria niha-nahery ny ranomasina nanohitra azy ireo.
[14]Noho izany dia niantso mafy an'i Yaveh izy ireo ary nanao hoe: "Mitalaho Aminao izahay, ry Yaveh, mitalaho Aminao izahay, aza avela ho faty nohon'ny ain'ity lehilahy ity izahay, ary aza melohina aminay ny fahafatesany, satria Ianao, Yaveh, dia efa nanao araka izay sitraky ny fonao." [15]Koa dia noraisin'izy ireo i Jona ary natsipin'izy ireo tany anaty

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ranomasina, ary nijanona tsy nisafoaka ny ranomasina. [16]Avy eo dia natahotra mafy an'i Yaveh ireo lehilahy. Nanolotra sorona ho an'i Yaveh izy ireo ary nanao voady.
[17]Ary efa nanomana trondro lehibe hitelina an'i Jona i Yaveh, ka nijanona tao anatin'ny vavonin'ilay trondro telo andro sy telo alina i Jona.

2 [1]Avy eo dia nivavaka tamin'i Yaveh Andriamaniny avy tao an-kibon'ilay hazandrano i Jona. [2]Hoy izy hoe: "Niantso an'i Yaveh nanoloana ny fahoriako aho ka namaly ahy Izy; avy tany an-kibon'ny Fiainan-tsy hita no niantsoako vonjy! Dia renao ny feoko.
[3]Efa natsipinao tany amin'ny lalina aho, tany amin'ny farany lalin'ny ranomasina, ary nanodidina ahy ny herin-driaka; nanafotra ahy avokoa ny onja sy alon-dranonao. [4]Hoy aho hoe: 'Voaroaka tsy ho eo anoloan'ny masonao aho; kanefa dia mbola hitodika hanatrika ny tempolinao masina.'
[5]Nihidy nanodidina ahy ka hatreny amin'ny vozoko ny rano; ary nanodidina ahy tokoa ny lalina; naningotra nanodidina ny lohako ny ahi-drano. [6]Nidina tany am-pototr'ireo tendrombohitra aho; dia nikatona tamiko mandrakizay ny tany sy ny hidiny. Kanefa mbola nampiakatra ny aiko avy tao an-davaka Ianao, ry Yaveh, Andriamanitro!
[7]Raha reraka tato anatiko ny fanahiko, dia nahatsirao an'i Yaveh aho; dia tonga teo Aminao ny fivavako, tao amin'ny tempolinao masina. [8]Ireo izay mihaino andriamanitra tsy misy dikany dia manary ny fahatokianao manoloana azy ireo.
[9]Fa raha ny amiko kosa, dia hanao sorona ho Anao amin'ny feo fanoloram-pisaorana aho; ho tanterahiko izay efa nivoadiako. [10]Avy amin'i Yaveh ny famonjena!" Dia niteny tamin'ny hazandrano i Yaveh, ary naloany teny amin'ny tany maina i Jona.

3 [1]Ary tonga tamin'i Jona fanindroany indray ny tenin'i Yaveh nanao hoe: [2]"Mitsangàna, mandehana mankany Ninive, ilay tanàna lehibe, ary torio aminy ny hafatra izay andidiako anao." [3]Ary dia nitsangana Jona ka nankany Ninive tamin'ny fankatoavana ny tenin'i Yaveh. Ary Ninive dia tanàna lehibe tokoa, iray amin'ireo lalana hateloana.
[4]Nanomboka niditra ny tanàna i Jona ary taorian'ny lalana iray andro dia niantso mafy izy ary niteny hoe: "Horavana i Ninive ao anatin'ny efapolo andro." [5]Nino an'Andriamanitra ny vahoaka tao Ninive ary niantso fifadian-kanina izy ireo. Nanao lamba fisaonana avokoa izy rehetra, hatramin'ny lehibe indrindra ka hatramin'ny kely indrindra amin'izy ireo.
[6]Tsy ela dia tonga teo amin'ny mpanjakan'i Ninive ilay vaovao. Dia nitsangana avy teo amin'ny seza fiandrianany izy, nanaisotra ny akanjom-boninahiny, ka nanarona ny tenany tamin'ny lamba fisaonana, ary nipetraka teo an-davenona.
[7]Nandefa fanambarana izy nilaza hoe: "Eto Ninive, amin'ny fahefan'ny mpanjaka sy ny olo-manan-kajany, aoka tsy hisy olona na biby, omby na ondry aman'osy, hanendry zavatra. Aoka tsy hihinana izy ireo, na hisotro rano.
[8]Fa aoka ny biby sy ny olona hisarona lamba fisaonana ary aoka izy ireo hitaraina mafy amin'Andriamanitra. Aoka ny tsirairay samy hiala amin'ny lalan-dratsiny sy amin'ny herisetra izay eo an-tanany. [9]Iza no mahalala? Mety hanenina ihany Andriamanitra ka hiova hevitra ary hiala amin'ny fahavinirany ka tsy ho ringana isika."
[10]Hitan'Andriamanitra ny nataon'izy ireo, fa niala tamin'ny lalan-dratsiny izy ireo. Noho izany dia niova hevitra Andriamanitra ny amin'ny famaizana izay nolazainy hataony amin'izy ireo, ka tsy nataony izany.

4 [1]Fa tsy nahafaly an'i Jona izany ka nanjary tezitra mafy izy. [2]Noho izany dia nivavaka tamin'i Yaveh i Jona ary nanao hoe: "Oh ry Yaveh, tsy izao ve no efa nolazaiko taminao rehefa tafaverina tany amin'ny fireneko aho? Izany no antony nihetsehako voalohany sy niezahako handositra tany Tarsisy—satria fantatro fa Andriamanitra manan-karem-pahasoavana, mahari-po, malain-ko tezitra, feno fahatokiana, ary manenina amin'ny fandefasana loza Ianao. [3]Koa ankehitriny ary, ry Yaveh, mitalaho aminao aho, esory amiko ny aiko, fa tsara ho ahy ny ho faty toy izay ho velona."
[4]Hoy i Yaveh hoe: "Mety ve izao fahatezeranao loatra izao?" [5]Dia nivoaka ny tanàna i Jona ary nipetraka teny amin'ny ilany antsinanan'ny tanàna. Tany no nanaovany fialofana ka nipetraka teo ambanin'ny alok'izany izy mba hahitany izay mety hanjo ny tanàna.
[6]Nanomana hazo Yaveh Andriamanitra ka nampaniry izany teo ambonin'i Jona hanalokaloka ny lohany mba hanamaivana ny fahoriany. Tena faly tokoa i Jona nohon'ny amin'ilay hazo. [7]Saingy nanomana kankana Andriamanitra tamin'ny fiposahan'ny masoandro ny ampitso maraina. Namely ny hazo izany ka dia maina ilay hazo.
[8]Ary rehefa niposaka ny masoandro ny ampitso maraina, dia nanomana rivo-mahamay avy any antsinanana Andriamanitra. Ary koa, namely ny lohan'i Jona ny masoandro hany ka lany hery izy. Dia naniry ny hahafatesany i Jona. Hoy izy tamin'ny tenany hoe: "Aleoko maty toy izay ho velona." [9]Ary hoy Andriamanitra tamin'i Jona: "Mety ve izao fahatezeranao lehibe ny amin'ilay hazo izao?" Dia hoy i Jona hoe: "Mety ny fahatezerako, na ho amin'ny fahafatesana aza."
[10]Hoy Yaveh hoe: "Nangoraka an'ilay hazo ianao, izay tsy niasanao, na nampanirianao. Naniry tao anatin'ny alina iray izany ary maty tao anatin'ny alina iray. [11]Toy izany koa ny Amiko, tsy tokony hangoraka an'i Ninive, ilay tanàna lehibe, izay misy vahoaka mihoatra ny zato sy roa alina izay tsy mahalala ny fahasamihafana eo amin'ny tanana ankavanana sy ny tanana ankavian'izy ireo, sy ireo biby fiompy maro ihany koa ve Aho?"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Mika

1 [1]Izao no tenin'i Yaveh izay tonga tamin'i Mika Morastita tamin'ny andron'i Jotama, Ahaza, sy Hezekia, ireo mpanjakan'ny Joda, ny teny izay hitany nahakasika an'i Samaria sy Jerosalema.
[2]Mihainoa, ianareo ry vahoaka. Mihainoa, ry tany, sy izay rehetra eo aminao. Aoka ny Tompo Yaveh no ho vavolombelona hanohitra anareo, ny Tompo avy ao amin'ny tempoliny masina. [3]Indro, Yaveh mivoaka avy ao amin'ny fitoerany; hidina Izy ary handia eny amin'ireo fitoerana avon'ny tany. [4]Ireo tendrombohitra hiempo eo ambaniny; ireo lohasaha hitsonika tahaka ny savoka anoloan'ny afo, tahaka ny rano izay arotsaka any amin'ny hantsana.
[5]Izany rehetra izany dia noho ny fikomian'i Jakoba, ary noho ireo fahotan'ny taranak'Israely. Inona no anton'ny fikomian'i Jakoba? Moa tsy i Samaria ve? Inona no anton'ireo fitoerana avon'i Joda? Moa tsy i Jerosalema ve?
[6]"Hanao an'i Samaria ho korontam-bato eny an-tsaha Aho, tahaka ny toerana fambolem-boaloboka. Hanosika ireo orim-batony ho eny an-dohasaha Aho; ka hampiharihary ireo fanambaniny. [7]Ho voatorotoro ireo sarin-javatra voasokiny rehetra; ary ho may avokoa ireo fanomezany. Ireo sampiny rehetra hopotehiko. Satria avy amin'ireo fanomezana ho an'ny fijangajangany no nanangonany ireny, ary tamin'ny saran'ny fivarotan-tena no hiverenan'ireny."
[8]Noho izany antony izany dia hitaraina sy hidradradradra aho; handeha tsy misy kapa aho ary mitanjaka; hidradradradra tahaka ny amboadia aho ary hisaona tahaka ny vorondolo. [9]Fa tsy ho sitrana intsony ny feriny, satria avy any Joda izany. Efa nahatratra ny vavahadin'ny vahoakako izany, dia any Jerosalema. [10]Aza milaza ny momba izany any Gata; aza mitomany akory. Ao Beti-le-afra aho no manosim-bovoka ny tenako.
[11]Mandalova amim-pitanjahana sy henatra, ry mponin'i Safira. Aza mivoaka ry mponin'i Zanana. Aoka hisaona i Beti-haezela, satria nesorina ny fiarovan'izy ireo. [12]Fa miandry amim-pitaintainana ny vaovao mahafaly ireo mponin'i Marota, satria nilatsaka avy tamin'i Yaveh ho ao amin'ny vavahadin'i Jerosalema ny loza.
[13]Fehezo amin'ny andian-tsoavaly haingam-pandeha ny kalesy, ry mponin'i Lakisy. Ianao, ry Lakisy, no fiandoham-pahotana ho an'ny zanaka vavin'i Ziona, satria hita tany aminao ireo fahalotoan'Israely. [14]Ka dia homenao taratasy fisaorana i Moresetagata; ny renivohitr'i Akziba handiso fanantenana ireo mpanjakan'Israely.
[15]Hitondra mpandresy ho any aminareo indray Aho, ry mponin'i Maresa; ho tonga any amin'i Adolama ny famirapiratr'Israely. [16]Harato ny lohanareo ary tapaho ny volonareo ho an'ireo zanakareo izay ankasitrahanareo. Solao tahaka ny voromahery ny tenanareo, fa ireo zanakareo handeha hatao sesi-tany hiala ao aminareo.

2 [1]Loza ho an'izay mamoron-keloka, ho an'izay mandrafitra ny hanao ratsy eo am-pandriany. Amin'ny maraina no anaovan'izy ireo izany satria manana fahefana izy ireo. [2]Maniry saha izy ireo ka giazany izany; maniry trano izy ireo ka maka izany. Mampahory olona sy ny ankohonany izy ireo, ary olona sy ny lovany.
[3]Noho izany dia izao no lazain'i Yaveh hoe: "Indro, efa mitondra loza hamely izany fianakaviana izany Aho, izay tsy hanalanareo ny tendanareo. Tsy handeha amim-piavonavonana ianareo, satria dia ho fotoana ratsy izany. [4]Amin'izany andro izany dia hiventy hira momba anareo ireo fahavalonareo, ary hisaona amin'ny hira fisaonana. Izy ireo hihira hoe: 'Rava tanteraka izahay Israelita; Yaveh manova ny faritanin'ny vahoakako. Ahoana no hanesorany izany amiko? Mizara ireo sahanay ho an'ireo mpamadika Izy!'" [5]Noho izany, ianareo ry mpanan-karena dia tsy mba hanana taranaka hizara ny faritany amin'ny loka ao amin'ny fiangonan'i Yaveh.
[6]"Aza maminany," hoy izy ireo. "Aoka izy ireo tsy haminany ireo zavatra ireo; aoka tsy ho tonga ny fahafam-baraka." [7]Ry taranak'i Jakoba, moa tokony tenenina tokoa ve izao hoe: "Tezitra ve ny Fanahin'i Yaveh? Moa tena asany ve ireo?" Moa tsy mampahatsara an'izay mandeha mahitsy ve ny teniko? [8]Any aoriana kely dia hitsangana tahaka ny fahavalo ny vahoakako. Manala ny tohitena, ny akanjo, eny amin'izay mandalo tsy amim-piahiahiana ianareo, tahaka ireo miaramila miverina avy any an'ady ho any amin'izay heveriny fa mandry fahalemana.
[9]Alainareo amin'ireo trano mahafinaritra azy ireo ny vehivavin'ny vahoakako; sintoninareo amin'ny zanak'izy ireo mandrakizay ny fitahiako. [10]Mitsangàna ka mialà, fa tsy toerana ahafahanareo mitoetra ity, noho ny fahalotoany; nopotehina tamin'ny fahapotehana tanteraka ity. [11]Raha misy olona tonga any aminareo amin'ny fanahin'ny fandaingana sy lainga ka manao hoe: "Haminany aminao momba ny divay sy zava-pisotro mahery aho," dia heverina ho mpaminany ho an'izany vahoaka izany izy.
[12]Hanangona anareo rehetra tokoa Aho, ry Jakoba. Hanangona ny sisa amin'Israely tokoa Aho. Hitondra azy ireo miaraka tahaka ny ondry ao amin'ny andiany, tahaka ny andian'ondry eo afovoan'ny fihinanam-bilony Aho. Hisy feo avo noho ny fahamaroan'ny vahoaka. [13]Izay olona mamaky dia manokatra ny lalan'izy ireo ho azy ireo ka handeha eo alohan'izy ireo. Handeha hamaky ny vavahady izy ireo ka hivoaka; ny mpanjakan'izy ireo no handeha eo anoloany. Yaveh no ho mpitarika azy ireo.

3 [1]Hoy aho: "Mihainoa ankehitriny, ianareo ry mpitarik'i Jakoba sy mpanapaka ny taranak'Israely: Moa ve tsy mety aminareo ny mahatakatra ny fahamarinana? [2]Ianareo izay mankahala ny tsara sy tia ny ratsy, ianareo izay manendaka ny hoditr'izy ireo, ny nofon'izy ireo amin'ny taolany— [3]ianareo izay mihinana ny nofon'ny oloko ihany koa, ary

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

manendaka ny hodiny, manapaka ny taolany, ary mamakivaky azy ireo, tahaka ny hena atao ao am-bilany, tahaka ny hena atao ao amin'ny fandrahoan-kena.
[4]Dia hiantso mafy an'i Yaveh ianareo mpanapaka, nefa tsy hamaly anareo Izy. Hanafina ny tavany aminareo Izy amin'izany fotoana izany, satria efa nanao asa ratsy ianareo."
[5]Izao no lazain'i Yaveh momba ireo mpaminany izay nampirenireny ny oloko: "Ho an'izay namahana azy ireo dia hilaza izy ireo hoe: 'Hisy fanambinana.' Fa ho an'izay tsy nanisy na inona na inona ao am-bavany, dia hanomboka hiady aminy izy ireo. [6]Noho izany, dia ho alina ho anareo izany ary tsy hisy fahitana ho anareo; ho maizina izany mba tsy hanaovanareo sikidy. Hilentika amin'ireo mpaminany ny masoandro, ary ho maizina amin'izy ireo ny andro. [7]Ho menarina ireo mpahita, ary ho very hevitra ireo mpisikidy. Hanampina ny molony izy rehetra, satria tsy misy valiny avy aty Amiko."
[8]Fa raha ny amiko, dia feno hery noho ny Fanahin'i Yaveh aho, sady feno fahamarinana sy faherezana, mba hanambara amin'i Jakoba ny helony, sy amin'Israely ny fahotany.
[9]Mihainoa izao, ianareo mpitarika ny taranak'i Jakoba, sy mpanapaka ny taranak'Israely, ianareo izay mankahala fahamarinana, sy manodina ny zava-marina rehetra. [10]Manangana an'i Ziona amin'ny rà sy Jerosalema amim-pahotana ianareo. [11]Mitsara noho ny kolikoly ireo mpitsaranareo, mampianatra noho ny tamby ireo mpisoronareo, ary maminany noho ny vola ireo mpaminaninareo. Nefa ianareo miankina amin'i Yaveh ka manao hoe: "Moa tsy momba antsika ve Yaveh? Ka dia tsy hisy ratsy hahazo antsika."
[12]Noho izany, noho ianao, dia hasaina toy ny saha i Ziona, ho korontam-bato i Jerosalema, ary ho tahaka ny havoana rakotr'ala ny havoan'ny tempoly.

4 [1]Fa amin'ny andro farany dia hiorina eo amin'ireo tendrombohitra hafa ny tendrombohitry ny tranon'i Yaveh. Hasandratra ambonin'ireo havoana izany, ary hitanjozotra hankany amin'izany ireo vahoaka.
[2]Handeha ireo firenena maro ka hanao hoe: "Avia, andeha isika hiakatra any an-tendrombohitr'i Yaveh, any an-tranon'Andriamanitr'i Jakoba. Hampianatra antsika ireo fombany Izy, ary handeha amin'ireo lalany isika." Fa avy ao Ziona no ivoahan'ny lalàna, ary avy ao Jerosalema ny tenin'i Yaveh. [3]Hitsara amin'ireo vahoaka maro Izy ary hanapa-kevitra mahakasika ireo firenana maro lavitra. Hively ny sabatr'izy ireo ho angady izy ireo ary ny lefony ho fanetezana. Tsy hanangana sabatra hifamely ny firenena, na hizatra ho amin'ny ady intsony.
[4]Fa kosa, hametraka ny olona tsirairay ambanin'ny voalobony sy ambanin'ny hazon'aviaviny izy ireo. Tsy hisy olona hampitahotra azy ireo, fa ny vavan'i Yaveh Tompon'ny maro no efa niteny. [5]Fa ny vahoaka rehetra dia mandeha, ny tsirairay, amin'ny anaran'ny andriamaniny. Fa isika dia handeha amin'ny anaran'i Yaveh Andriamanitsika mandrakizay doria.
[6]"Amin'izany andro izany" hoy Yaveh dia "Hanangona ny malemy sy hamory ireo voaroaka Aho, dia ireo izay nampahoriako. [7]Hataoko ho sisa tavela ny malemy, ary ho firenena matanjaka ireo izay voaroaka, ary Izaho, Yaveh, no hanjaka amin'izy ireo ao an-Tendrombohitr'i Ziona, ankehitriny ary mandrakizay. [8]Ary ianao, ry tilikambo fiambenana ny ondry aman'osy, havoan'ny zanakavavin'i Ziona— dia ho tonga aminao izany, haverina ny fanapahanao taloha, dia ny fanjakana izay an'ny zanakavavin'i Jerosalema.
[9]Ankehitriny, nahoana no mihiaka mafy ianao? Tsy misy mpanjaka ve eo aminao? Maty ve ny mpanolotsainao? Izany ve no mahatonga ny fanaintainana mahazo anao tahaka ny an'ny vehivavy eo am-piterahana? [10]Aoka hanaintaina ary hihetsi-jaza raha hiteraka, ry zanakavavin'i Ziona, tahaka ny vehivavy miteraka. Fa ankehitriny ianao dia hivoaka ny tanàna, hitoetra any an-tsaha, ary handeha any Babylona. Any no hanavotana anao. Any no hanavotan'i Yaveh anao eo an-tanan'ireo fahavalonao.
[11]Ankehitriny mivondrona hanohitra anao ireo firenena maro; hoy izy ireo: 'Aoka ho voaloto izy; aoka ny masontsika hifaly amin'i Ziona.'" [12]Hoy ny mpaminany: "'Tsy fantatr'izy ireo ny eritreritr'i Yaveh, sady tsy takany ny fikasany, fa efa namory azy ireo tahaka ny amboara ho eo am-pamoloana Izy."
[13]Hoy Yaveh: "Mitsangàna ka miveleza, ry zanakavavin'i Ziona, fa hataoko vy ny tandrokao, ary hataoko varahina ny kitronao. Hanorotoro vahoaka maro ianao. Izaho hanokana ireo hareny tsy ara-drariny ho an'ny tenako, Yaveh, ny fananan'izy ireo ho Ahy, ilay Tompon'ny tany manontolo."

5 [1]Ankehitriny miaraha tonga ao amin'ny filaharan'ady, ry zanakavavin'ireo miaramila; efa nametraka tovon-tany manodidina ny tanàna ireo miaramila, amin'ny tsora-kazo no hamelezany ny mpitsaran'ny Israely eo amin'ny takolany. [1]
[2]Nefa ianao, ry Betlehema Efrata, na dia kely indrindra eo amin'ireo fokon'i Joda aza ianao, dia ao aminao no ivoahan'ny olona hankeo Amiko mba hanapaka ny Israely, izay hatramin'ireo fotoana fahiny ny fiandohany, ka haharitra mandrakizay. [3]Noho izany dia hahafoy azy ireo Andriamanitra, hatramin'ny fotoana hitrotroan'izay mihetsi-jaza zazakely, ary ny tavela amin'ireo anadahiny dia hiverina any amin'ny vahoakan'Israely.
[4]Hijoro Izy ary hiandry ny ondry aman'osiny amin'ny herin'i Yaveh, amin'ny voninahitry ny anaran'i Yaveh Andriamaniny. Hitoetra izy ireo, ary satria ho lehibe hatrany amin'ny faran'ny tany Izy. [5]Ho fiadanantsika Izy. Rehefa

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tonga ao amin'ny tanintsika ireo Asyriana, rehefa manao diabe hanohitra ireo fiarovana mafintsika izy ireo, dia hitsangana hanohitra azy ireo amin'ny mpiandry ondry fito sy mpitarika valo amin'ireo olona isika.
[6]Hiandry ny tanin'ny Asyria amin-tsabatra izy ireo, ary eo fidirana ao amin'izany ny tanin'i Nimroda. [2]Hanavotra antsika amin'ny Asyriana Izy, rehefa tonga ao amin'ny tanintsika izy ireo, rehefa manao diabe anatin'ny faritanintsika izy ireo.
[7]Ny sisa tavela amin'i Jakoba dia ho eo afovoan'ireo vahoaka maro, tahaka ny ando avy amin'i Yaveh, tahaka ny ranon'orana eo amin'ny ahi-maitso, izay tsy miandry olona, ary tsy miandry ny zanak'olombelona izy ireo.
[8]Ny sisa tavela amin'i Jakoba dia ho eo amin'ireo firenena, eo amin'ireo vahoaka maro, tahaka ny liona eo amin'ireo biby any an'ala, tahaka ny liona tanora eo amin'ireo andian'ondry. Rehefa mamakivaky eo amin'ireo izy, dia hanosihosy ireo sy hamotipotika ireo, ary tsy hisy olona hamonjy azy ireo. [9]Hisandratra hamely ireo fahavalonao ny tananao, ka hamotika azy ireo izany.
[10]"Izao no hitranga amin'izany andro izany" hoy Yaveh "Hovonoiko eo aminao ireo soavalinao ary hopotehiko ireo kalesinao. [11]Horavàko ireo tanàna ao amin'ny taninao ary harodako ny mandanao rehetra.
[12]Hopotehiko ny sikidy eo an-tananao, ary tsy hanana mpisikidy intsony ianao. [13]Hopotehiko ireo sary sokitrao sy ireo tsangam-batonao eo aminao. Tsy hanompo ny asa-tananao intsony ianao. [14]Hofongoriko eo aminao ireo baon'aserahanao, ary horavàko ireo tanànanao. [15]Hanatanteraka valifaty amim-pahatezerana sy fahavinirana eo amin'ireo firenena izay tsy nankatò Aho."

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe "miaraha tonga ao amin'ny filaharan'ady" ireo mpandika teny sasany mandika hoe "tapaho ny tenanareo", manondro ny fanompoan-tsampin'ny fitetehan-tena raha mivavaka amin'ireo sampy. Ireo dikan-teny sasany vaovao ihany koa dia manaraka ny dikan-teny taloha izay vakiana hoe "atsangano ireo fiarovanareo".
[2]Fanamarihana: Ny lahatsoratra Hebreo dia manao hoe "eo amin'ny fidirana ao amin'izany", izany hoe, eo amin'ireo vavahadiny. Na izany aza, ireo dikan-teny vaovao sasany dia mihevitra fa ny teny Hebreo hafa dia noheverina hoe: "amin'ny sabatra voatsoaka".

---

6 [1]Ankehitriny mihainoa izay lazain'i Yaveh: "Mitsangàna ary alaharo eo anatrehan'ireo tendrombohitra ny raharahanareo; aoka ireo havoana handre ny feonareo. [2]Mihainoa ny adin'i Yaveh, ianareo tendrombohitra, sy ianareo fanambany maharitry tany. Fa manana ady amin'ny vahoakany Yaveh, ary hiady hanohitra ny Israely eo amin'ny fitsarana Izy."
[3]"Ry oloko, inona no nataoko anareo? Ahoana no nandrerahako anareo? Mijoroa vavolombelona hanohitra Ahy! [4]Fa nentiko niakatra hivoaka ny tany Egypta ianareo ary navotako hivoaka ny trano fanandevozana. Naniraka an'i Mosesy, Arona, ary Miriama taminareo Aho. [5]Ry oloko, tsarovy izay noheverin'i Balaka mpanjakan'i Moaba, sy ny fomba namalian'i Balama zanak'i Beora azy raha nandeha nankany Sitima ka hatrany Gilgala ianareo, mba hahafahanareo mahafantatra ny asa-marin'i Yaveh."
[6]Inona no tokony ho entiko ho an'i Yaveh, raha miankohoka eo amin'Andriamanitra Avo aho? Tokony ho tonga eo Aminy miaraka amin'ny fanatitra dorana, amin'ny zanak'omby herintaona ve aho? [7]Moa ve Yaveh hankasitraka ondrilahy an'arivony, na onin-diloilo an'aliny? Tokony hanolotra ny lahimatoako noho ny heloko ve aho, ilay naterako noho ny fahotako ihany? [8]Efa niteny anao Izy, ry olona, hoe inona ny tsara, ary inona no takian'i Yaveh aminao: Manaova ny marina, tiava amim-pahatsorana, ary mandehana amim-panetren-tena miaraka amin'Andriamanitrao.
[9]Manao fanambarana amin'ny tanàna ny feon'i Yaveh— na ny fahendrena aza ankehitriny dia miaiky ny anaranao: "Henoy ny tsora-kazo, sy ny olona izay nametraka izany tamin'ny fitoerany. [1][10]Misy harena ao an-tranon'ny ratsy fanahy tsy marina, ary fandrefesana mandainga izay fahavetavetana.
[11]Tokony hihevitra ny olona ho tsy manan-tsiny ve Aho raha mampiasa mizàna mandainga izy, miaraka amin'ny harona fandanjana mamitaka? [12]Feno herisetra ny mpanan-karena, efa nilaza lainga ireo mponina, ary mpamitaka ny lelany ao am-bavany.
[13]Noho izany dia namely anao tamin'ny ratra maharary Aho, efa nataoko ho rava noho ireo fahotanao ianao. [14]Hihinana ianao fa tsy ho afa-po; hitoetra ao anatinao ny hanoananao. Hanangona harena ianao fa tsy hahangona, ary izay voahangonao dia homeko ny sabatra. [2][15]Hamafy ianao fa tsy hijinja; hanitsakitsaka oliva ianao fa tsy hihosotra diloilo; hanosihosy voaloboka ianao fa tsy mba hisotro divay.
[16]Ireo fitsipika nataon'i Omry dia efa voatandrina, ary ireo asan'ny taranak'i Ahaba rehetra. Mandeha araka torohevitr'izy ireo ianao. Koa hataoko, ho faharavana, ianao ry tanàna, ary zavatra mampisitrisitra ianareo ry mponina, ary hizaka latsa tahaka ny vahoakako ianareo." [3]

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe: "Henoy ny tsora-kazo sy ny olona izay nametraka izany tao amin'ny fitoerany" no ao amin'ny lahatsoratra Hebreo, ireo dikan-teny sasany vaovao manao hoe: "Mihainoa, ry foko, sy izay miara-miangona ao an-tanàna."
[2]Fanamarihana: Sarotra takarina ny ampahany amin'ity andininy ity, satria misy teny Hebreo roa ao amin'izany izay tsy fantatra ny dikany. Vokatr'izany, ireo vakiteny maro samihafa dia nanolotra fa manaraka ny dikan-teny sasany vaovao.
[3]Fanamarihana: Ny lahatsoratra Hebreo dia manao hoe: "hizaka latsa tahaka ny oloko ianao", ireo dikan-teny Grika taloha manao hoe: "hizaka ny latsan'ireo firenena ianao". Ireo dikan-teny vaovao sasany dia manaraka io vakiteny io.

---

7 [1]Lozako! Fa ho ahy izany dia tahaka ny hoe tapitra ny fiotazana ny voankazo, sady ihany koa fanangonana ny ambim-boaloboka ao amin'ny tanimboaloboka: Tsy misy sampahom-boaloboka hita intsony, tsy nisy tamin'ireo aviavy nialin-

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

taona izay niriako fatratra. [2]Nanjavona tamin'ny tany ny olona mahatoky, tsy misy olo-mahitsy ao amin'ny olombelona rehetra. Manotrika handatsa-drà avokoa izy rehetra; ny tsirairay mihaza ny rahalahiny amin'ny harato ny ihany.
[3]Mailaka amin'ny fanaovan-dratsy ny tanan'izy ireo: mitaky vola ireo mpanapaka, vonona amin'ny kolikoky ny mpitsara, ary milaza amin'ireo hafa izay tiany ho azo ny lehilahy matanjaka. Dia toy izany no iarahany miteti-dratsy. [4]Ny tsara indrindra amin'izy ireo dia tahaka ny roy, ny mahitsy indrindra dia fefy tsilo. Izany dia andro efa voalazan'ireo mpitilinao mialoha, dia ny andro famaizana anareo. Izao no fotoan'ny fahaverezan-kevitr'izy ireo.
[5]Aza mahatoky mpiara-belona; aza mametra-pitokiana amin'ny namana. Tandremo izay lazainao na dia amin'ny vehivavy izay mandry eo an-tsandrinao aza. [6]Fa haniratsira ny rainy ny zanaka lahy, hitsangana hanohitra an-dreniny ny zanaka vavy, ary ny vinanto vavy hanohitra ny rafozam-baviny. Ny olona ao an-tranony ihany no fahavalon'ny olona.
[7]Fa raha izaho aloha, dia hijery an'i Yaveh aho, hiandry ny Andriamanitry ny famonjena ahy aho; handre ahy ny Andriamanitro. [8]Aza mifaly amiko, ry fahavaloko. Fa rehefa lavo aho, dia hiarina indray. Raha mipetraka ao amin'ny aizina aho, dia Yaveh no ho fahazavana ho ahy.
[9]Satria nanota tamin'i Yaveh aho, dia hizaka ny hatezerany mandra-pandahany ny teniko, sy hanatanterahany fitsarana ho ahy. Hitondra ahy ho eo amin'ny fahazavana Izy, ary hahita Azy manavotra ahy ao amin'ny fahamarinany aho.
[10]Dia hahita izany ireo fahavaloko, ka ny henatra no hanarona izay niteny tamiko hoe: "Aiza Yaveh Andriamanitrao?" Hijery azy ny masoko; ho voahosihosy tahaka ny fotaka eny an-dalana izy.
[11]Ho tonga ny andro hananganana ny mandanao; amin'izany andro izany dia hitarina hatrany lavitra ireo faritaninao.
[12]Amin'izany andro izany dia ho tonga aminao ny vahoakanao, avy any Asyria sy ireo tanàna any Egypta, avy any Egypta ka hatrany amin'ny renirano lehibe, Eofrata, avy amin'ny ranomasina ka hatrany amin'ny ranomasina, ary avy amin'ny tendrombohitra ka hatrany amin'ny tendrombohitra. [13]Ireo tany ireo dia hilaozana noho ny vahoaka izay mipetraka ao ankehitriny, noho ny vokatry ny asan'izy ireo.
[14]Ambeno amin'ny tsora-kazonao ny vahoakanao, dia ny ondry aman'osin'ny lovanao. Mitoetra irery any an'ala izy ireo, eo afovoan'ny tanimboly. Aoka izy ireo hiraoka any Basana sy Gileada tahaka ny tamin'ny andro fahiny. [15]Tahaka ny tamin'ny andro izay nivoahanao ny tany Egypta, dia haneho fahagagana azy ireo Aho.
[16]Hahita ary ho menatry ny heriny rehetra ireo firenena. Hitampim-bava izy ireo; harenina ny sofin'izy ireo. [17]Hilelaka ny vovoka tahaka ny bibilava, tahaka ny zava-boaary izay mikisaka amin'ny tany izy ireo. Hivoaka avy ao an-davany amin-tahotra izy ireo; ho avy amin-tahotra eo Aminao izy ireo, ry Yaveh Andriamanitray, ary hatahotra noho Ianao.
[18]Iza no Andriamanitra tahaka Anao, Ianao izay manala fahotana, Ianao izay mandalo ambonin'ny heloky ny sisa tavela amin'ny lovanao? Tsy mitàna ny fahatezeranao mandrakizay Ianao, satria tianao ny maneho ny famindram-ponao aminay.
[19]Hangoraka anay indray Ianao; hanitsaka ireo helokay ao ambany tongotrao Ianao. Hanary ny otanay rehetra ao amin'ireo lalin'ny ranomasina Ianao. [20]Hanome ny marina ho an'i Jakoba sy famindram-po ho an'i Abrahama Ianao, tahaka ny nianiananao tamin'ireo razambenay tamin'ireo andro fahiny.

Nahoma

1 [1]Ny fanambarana mahakasika an'i Ninive. Ny bokin'ny fahitan'i Nahoma, ilay Elkosita.
[2]Andriamanitra saro-piaro sy mamaly faty Yaveh. Mamaly faty sy feno fahatezerana Yaveh. Mamaly ratsy amin'ireo mpifanandrina aminy Yaveh, ary manohy ny fahatezerany ho an'ny fahavalony Izy. [3]Mahari-po sy lehibe amin'ny heriny Yaveh; tsy hanambara ireo fahavalony ho tsy manan-tsiny velively Izy. Hanao ny lalany ao amin'ny tafio-drivotra Yaveh, ary ny rahona no vovoky ny tongony.
[4]Miteny mafy ny ranomasina Izy ka manamaina izany; mandritra ny renirano rehetra Izy. Ketraka i Basana, ary i Karmela ihany koa; malazo ireo voninkazon'i Libanona. [5]Mihovitra amin'ny fanatrehany ireo tendrombohitra, ary mietry ireo havoana; mirodana amin'ny fanatrehany ny tany, eny tokoa, ny tany sy izay olona rehetra monina ao aminy.
[6]Iza no hahajoro eo anatrehan'ny fahatezerany? Iza no hahatohitra ny firehetan'ny hatezerany? Miraraka tahaka ny afo ny fahatezerany, novakivakiany ireo vatolampy.
[7]Tsara Yaveh, fiarovana mafy amin'ny andro fahoriana; ary mahatoky amin'izay mialoka aminy Izy. [8]Fa hanapitra tanteraka ireo fahavalony amin'ny tondra-drano manafotra kosa Izy; hanenjika azy ireo any amin'ny haizina Izy.
[9]Mitetika inona anoherana an'i Yaveh ianareo ry vahoaka? Hamarana tanteraka izany Izy; tsy hisandratra fanindroany ny fahoriana. [10]Fa ho raiki-tahotra tahaka ny kirihitra tsilo; ho safotry ny zava-pisotrony; ho levon'ny afo tanteraka tahaka ny mololo maina izy ireo. [11]Nisandratra tao aminao, ry Ninive, ny olona izay nikasa zava-dratsy hanoherana an'i Yaveh, dia olona izay namporisika faharatsiana.
[12]Izao no lazain'i Yaveh: "Na dia ao amin'ny tanjany tanteraka ary maro isa aza izy ireo, dia ho ringana izy ireo; tsy hisy olony intsony. Fa ianao, ry Joda: Na dia nampahory anao aza Aho, dia tsy hampahory anao intsony Aho. [13]Ary hanapaka ny ziogan'ireo olona ao aminao Aho; hanapaka ireo fatoranao Aho."
[14]Efa nanome baiko momba anao Yaveh, ry Ninive: "Tsy hisy intsony ny taranaka hitondra ny anaranao. Hamongotra ireo sarin-javatra voasokitra sy ireo sarin-javatra an-idina amin'ireo tranon'ireo andriamanitrao Aho. Hiady ireo fanasanao Aho, satria tsinontsinona ianao."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Indro, eny an-tendrombohitra ny tongotry ny olona izay mitondra vaovao mahafaly, izay manambara fiadanana! Ankalazao ireo firavoravoanareo, ry Joda, ary efao ireo voadinareo, fa tsy handositra anareo intsony ny ratsy fanahy; ringana tanteraka izy.

2 [1]Miakatra hanohitra anao ilay hanorotoro anao ho singa maromaro. Mametraha mpiambina eo amin'ny mandan'ny tanàna, ambeno ireo lalana, atanjaho ny tenanareo, angony ireo tafikareo. [2]Fa efa mamerina amin'ny laoniny ny voninahitr'i Jakoba tahaka ny voninahitr'Israely i Yaveh, na dia noravan'ny mpandroba aza izy ireo ary nopotehina ireo sampam-boalobony.
[3]Ny ampingan'ireo lehilahy mahery dia mena, ary ireo lehilahy be herim-po miakanjo jaky; manjelatra ny metalin'ireo kalesy amin'ny andro ary efa natao ho vonona izany, ary ny lefona kypreso dia mihevaheva eny amin'ny rivotra.
[4]Mirifatra eraky ny lalana ireo kalesy; mifanaretsaka etsy sy eroa eny amin'ny lalam-be izy ireo. Mitovy amin'ny fanilo izy ireo, ary mihazakazaka tahaka ny tselatra.
[5]Miantso ireo manam-pahefany ilay hanorotoro anao ho singa; mifamingana eny amin'ny lalany izy ireo; mandeha faingana izy ireo mba hanafika ny mandan'ny tanàna. Novononina ny fiarovana lehibe mba hiaro ireo mpanafika.
[6]Ireo vavahady eo amin'ny renirano dia noterena sokafana, ary mirodana ho amin'ny faharavana ny lapa. [7]Nendahina ny akanjon'i Hozaba ary nalaina; mitoloko tahaka ny voromailala sady miteha-tratra ireo mpanompo vaviny.
[8]Tahaka ny ranom-parihy mitete i Ninive, ary mandositra toy ny rano mikoriana ny vahoakany. Ny hafa mihiaka hoe: "Mijanòna, mijanòna," nefa tsy misy mitodika. [9]Alaivo babo ny volavotsy, alaivo babo ny volamena, fa tsy hisy fiafarany izany, ho an'ny famirapiratr'ireo zava-tsarobidin'i Ninive rehetra. [10]Foana sy ravarava i Ninive. Ory ny fon'ny olona rehetra, niara-valaketraka ny lohaliky ny olona rehetra, ao amin'ny olona rehetra ny fahoriam-be; hatsatra avokoa ny endrik'izy ireo.
[11]Ankehitriny aiza ny lavaky ny liona, ilay toerana izay famahanana ny liona tanora, ilay toerana falehan'ny liona lahy sy vavy, miaraka amin'ireo zanaka liona, izay natahoran'izy ireo na inona na inona? [12]Mamotipotika ireo hazany ho an'ny zanany ny liona; nanakenda ireo hazany ho an'ny liona vavy izy, ary nameno ny zohiny tamin'ireo haza, ny lavany amin'ny sisan-taolana voapotipotika.
[13]"Indro, hanohitra anao Aho—izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro. Hodorako ao amin'ny setroka ireo kalesinao, ary handevona ireo liona tanoranao ny sabatra. Ho fongoriko amin'ny taninao ireo babonao, ary tsy ho re intsony ny feon'ireo mpitondra hafatrao."

3 [1]Loza ho an'ny tanàna feno rà! Feno lainga sy fananana halatra avokoa izany; ao aminy mandrakariva ireo babo. [2]Fa ankehitriny dia misy feon'ny karavasy sy ny feon'ny firodorodon'ireo kodiarana, fikatrokatrok'ireo soavaly, ary ny firaondraon'ireo kalesy.
[3]Misy fanafihan'ireo mpitaingin-tsoavaly, tselatry ny sabatra, famirapiratry ny lefona, korotam-paty, faty mitandahatra. Tsy misy fiafarany ireo faty; voafingana eo ambonin'izy ireo ny mpanafika azy. [4]Mitranga izany noho ny filàn'ny janga tsara tarehy, ilay matihanina amin'ny sikidy, izay mivarotra firenena amin'ny alalan'ny fivarotan-tenany, ary ny vahoaka amin'ny alalan'ny fanaovany sikidy.
[5]"Indro, hamely anao Aho—izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro—hanainga ny lambanao eo amin'ny tavanao Aho ary hampiseho ireo faritra mamoafadinao amin'ireo firenena, ny henatrao amin'ireo fanjakana. [6]Hanipy fahalotoana maharikoriko aminao Aho ary hanao anao ho ratsy; hataoko ho olona fijerijeren'ny olon-drehetra ianao. [7]Ary ny olona rehetra izay mijery anao dia handositra anao ary hiteny hoe: "Rava i Ninive; iza no mba hitomany azy?" aiza no ahitako olona hankahery anao?"
[8]Ry Ninive, moa ve ianao tsara noho i Teba, izay naorina eo amin'ny Renirano Neily, izay nisy rano manodidina azy, ka ranomasimbe no arony, ny ranomasina ihany no mandany? [9]Etiopia sy Egypta no tanjany, ary tsy nisy fiafarany ny amin'izany; Pota sy Lybia no mpiara-miady taminy.
[10]Kanefa nentina i Teba; lasa any amin'ny fahababoana izy; voatorotoro teny an-dohan'ny lalana ireo zanany tanora; nanipy filokana ho an'ireo lehilahy manam-boninahiny ireo fahavalony, ary voafatotra tamin'ireo rojo vy ireo lehilahiny mahery. [11]Ho tonga mamo ihany koa ianao; hiezaka hiafina ianao, ary hitady fialofana amin'ireo fahavalonao ihany koa ianao.
[12]Ireo fiarovanao mafy dia ho tahaka ireo hazon'aviavy miaraka amin'ny aviavy masaka alohan'ny fotoana: raha ahozongozona izy ireo, dia hihintsana ao am-bavan'ny mpihinana. [13]Indro, ny vahoaka ao aminao dia vehivavy; ireo vavahadin'ny taninao dia nosokafana midanadana ho an'ireo fahavalonao; nandevona ny hidiny ny afo.
[14]Mandehana matsaka rano ho amin'ny fahirano; hamafiso ireo fiarovanao mafinao; mandehana amin'ny tanimanga ary hosihoseo ny feta; alaivo ho an'ireo biriky ny tavy. [15]Handevona anao any ny afo, ary handringana anao ny sabatra. Handevona anao tahaka ny fandevonan'ny valala ny zava-drehetra izany. Ataovy maro an'isa tahaka ireo valala vao ny tenanareo, dia ho maro tahaka ireo valala.
[16]Nampitombo ireo mpandrantonao mihoatra ny kintana eny amin'ny lanitra ianao; nefa tahaka ny valala vao izy ireny: mandroba ny tany izy ireo ka avy eo dia lasa manidina. [17]Maro tahaka ireo valala ny andriandahinao, ary ny jeneralinao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

dia tahaka ny andian'izy ireo izay mitoby ao amin'ireo manda amin'ny andro mangatsiaka. Fa rehefa miposaka ny masoandro dia manidina any amin'ny toerana tsy fantatr'olona ireo.
[18]Ry Mpanjakan'i Asyria, resin-tory ireo mpiandry ondrinao; mandry amin'ny fitsaharany ireo mpanapakao. Niely eny an-tendrombohitra ny olonao, ary tsy misy na iza na iza hanangona azy ireo. [19]Tsy hisy fanasitranana azo atao ho an'ireo ratranao. Mafy loatra ireo ratranao. Izay rehetra maheno ny vaovao mahakasika anao dia hiteha-pifaliana eo aminao. Iza no afa-nandositra ny faharatsianao mitandavana?

Habakoka

1 [1]Ny hafatra izay noraisin'i Habakoka mpaminany: [2]"Ry Yaveh, mandra-pahoviana no hiantsoako vonjy, ka tsy hihaino Ianao? Niantso mafy Anao tao anatin'ny horohoro aho hoe: "Herisetra!" nefa tsy hamonjy ahy Ianao.
[3]Nahoana no ataonao mahita heloka aho ary mahita ny fanaovan-dratsy? Fandravana sy herisetra no eo anoloako; misy fifandirana, ary fanangana fifanjevona. [4]Noho izany dia tsy nanankery ny lalàna, ary tsy naharitra tamin'ny fotoana rehetra ny rariny. Fa niodidina ny fahamarinana ny ratsy fanahy; koa dia mivoaka ny rariny diso." Mamaly an'i Habakoka Yaveh
[5]"Jereo ireo firenena ka hadihadio izy ireo; aoka ho gaga sy ho talanjona! Fa efa hanao zavatra tokoa Aho amin'ireo andronareo izay tsy hinoanareo rehefa taterina aminareo izany. [6]Fa indro! Hanandratra ireo Kaldeana Aho—ilay firenena masiaka sy maherisetra—manao diabe manerana ny sakan'ny tany mba hambabo ireo trano izay tsy azy ireo izy. [7]Mampihorohoro sy mampatahotra izy ireo; avy amin'ny tenan'izy ireo ny fitsarany sy ny famirapiratany.
[8]Ireo soavaliny ihany koa dia haingam-pandeha noho ny leoparda, mailaka noho ny ambodian'ny alina. Koa miriotra ny soavalin'izy ireo, ary avy any lavitra tokoa ny mpitaingin-tsoavalin'izy ireo_manidina tahaka ny voromahery maika hihinana izy ireo. [9]Tonga noho ny herisetra avokoa izy rehetra; mandeha tahaka ny rivotra any an'efitra ny vahoaka maron'izy ireo, ary manangona ireo tratra babo tahaka ny fasika izy ireo. [1]
[10]Koa naniratsira ireo mpanjaka izy ireo, ary ireo mpanapaka dia fihomehezana ho azy ireo fotsiny ihany. Nihomehy ny fiarovana mafy rehetra izy ireo, satria nanasavovona tany izy ireo ary nisambotra azy ireo. [11]Dia ho avy ny rivotra; handalo izany—olo-meloka, ireo izay heriny no andriamanitr'izy ireo." Mametraka fanontaniana hafa amin'i Yaveh i Habakoka.
[12]"Moa ve tsy avy amin'ny fotoana fahiny Ianao, ry Yaveh Andriamanitro, ilay Iray Masiko? Tsy ho faty izahay. Efa nanendry azy ireo hotsaraina Yaveh, ary Ianao, ry Vatolampy, no efa nametraka azy ireo ho ahitsy.
[13]Madio loatra ny masonao raha handinika ny ratsy, ary tsy afaka ny hijery amin-tsitraka ny fanaovan-dratsy Ianao; koa nahoana ary no nanao fijery tsara ireo izay mamadika Ianao? Nahoana no mangina Ianao raha mitelina ireo marina kokoa noho izy ireo ny ratsy fanahy? [14]Nataonao tahaka ny hazandrano ao an-dranomasina ny olona, tahaka ireo zavatra mandady tsy misy mpanapaka azy.
[15]Mampiakatra azy rehetra amin'ny fitana izy ireo; misintona olona ao amin'ny haraton-trondro izy ireo ary manangona ireo ao amin'ny haratony. Izany ny antony hifalian'izy ireo sy hihikany fatratra. [16]Noho izany dia nanao sorona ho an'ireo haraton-trondrony izy ireo ary nandoro ditin-kazo manitra ho an'ireo haratony, fa bibi-dia matavy no anjaran'izy ireo, ary hena matavy no sakafony. [17]Moa ve hanafoana ny haratony izy ireo ary hanohy hamono ireo firenena, tsy mahatsapa fangoraham-po?"

---

[1]Fanamarihana: ny lahatsoratra Hebreo voadika eto hoe: "mandeha tahaka ny rivotra any an'efitra ny vahoaka maron'izy ireo" dia tena sarotra; maro ireo dikan-teny taty aoriana no manana ny fandikana hafa.

---

2 [1]Hitsangana eo amin'ny fiambenako aho ary hampijanona ny tenako eo amin'ny tilikambo fiambenana, ary hijery tsara aho mba hahita izay holazainy amiko sy ny fomba hialako amin'ny fitarainako. [1]
[2]Namaly ahy Yaveh ary nilaza hoe: "Raketo izao fahitana izao, ary soraty mazava eo amin'ireo vato fisaka ka izay rehetra mamaky azy dia ho afaka hamaky azy ireo mora foana. [3]Fa ho avy amin'ny fotoana ny fahitana ary hitranga ihany amin'ny farany fa tsy ho foana. Na dia tara aza izany, dia andraso. Fa tsy maintsy ho tonga izany ary tsy hitaredretra.
[4]Indro! Izay manam-paniriana tsy marina ao anatiny dia mieboebo. Fa ny olo-marina dia ho velona noho ny finoany. [5]Fa ny divay dia mpamadika ny zatovolahy mpiavonavona mba tsy hitoerany, fa hanitatra ny faniriany toy ny fasana, ary toy ny maty, izay tsy mety afa-po mihintsy. Angoniny ho azy ny firenena rehetra ary hangoniny ho azy ny vahoaka rehetra.
[6]Tsy hamorona fomba fiteny hanesoana azy ary hira fanesoana momba azy ve izany rehetra izany, ka hanao hoe: "Loza ho an'izay mampitombo ny tsy azy! Fa mandra-pahoviana no hampitomboanao ny lanjan'ny antoka izay nalainao?" [7]Tsy hitsangana tampoka ve ireo izay manaikitra anao, ary hifoha ireo izay mampihorohoro anao? ho tonga lasibatra ho azy ireo ianao. [8]Satria ianao nandroba vahoaka maro, ny vahoaka sisa rehetra dia handroba anao. Fa nandatsa-drà olombelona ianao ary nanao herisetra tamin'ny tany, sy ireo tanàna, ary ireo rehetra izay monina ao amin'ireo.
[9]"Loza ho an'izay fatra-pila harena amin'ny fanaovan-dratsy ho tombony ho an'ny ankohonany, mba hahafahany manorina ny akaniny amin'ny ambony mba hiarovany ny tenany eny ampelantanan'ny ratsy." [10]Nizara fahamenarana ho an'ireo ankohonanao ianao tamin'ny nandringananao olona maro, ka nanota tamin'ny tenanao. [11]Fa hihiaka avy eo amin'ny manda ireo vato, ary ireo vatan-kazo no hamaly azy ireo,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]"Loza ho an'izay manangana tanàna amin'ny rà, ary izay manorina tanàn-dehibe amin'ny heloka." [13]Tsy avy amin'i Yaveh Tompon'ny maro ve no hiasan'ireo vahoaka amin'ny afo sy ny hisasaran'ireo firenena amin'ny zava-poana?
[14]Kanefa ny tany dia ho feno fahalalana ny voninahitr'i Yaveh tahaka ny rano mandrakotra ny ranomasina.
[15]"Loza ho an'izay mampisotro ny mpiara-monina aminy, ianao izay manisy ny poizinao mandra-pahamamonao azy ireo mba ahafahanao mijery ny fitanjahan'izy ireo." [16]Ho feno fahamenarana ianao fa tsy voninahitra. Hisotro amin'izany ihany koa, ary hampiseho ny fitanjahanao. Hiverina hitodika aminao ny kapoakan'Yaveh eo an-tanany ankavanana, ary hanarona ny voninahitrao ny fahafaham-baraka.
[17]Ny herisetra natao an'i Libanona hanafotra anao ary hampihorohoro anao ny faharavan'ireo biby. Fa nandatsa-drà olona ianao ka nanao herisetra tamin'ny tany, ireo tanàna, sy izay rehetra monina ao amin'ireny.
[18]Inona no tombontsoanao amin'ny sary sokitra? Fa izay nisokitra izany, na izay manao sarin-javatra an'idina amin'ny vy, dia mpampianatra lainga; fa matoky ny asa-tanany ihany izy rehefa manamboatra ireo andriamanitra moana ireo.
[19]"Loza ho an'izay miteny amin'ny hazo hoe: Mifohaza!" na amin'ny vato mangina hoe: "Mitsangàna" moa mampianatra ve ireo zavatra ireo? indro, voapetaka volamena sy volafotsy izany, kanefa tsy misy fofon'aina akory amin'izany. [20]Fa Yaveh dia ao an-tempoliny masina! Manginà eo anatrehany, ry tany rehetra."

---

[1]Fanamarihana: raha tokony hoe "ahoana ny tokony hialako amin'ny fitarainako", izay ao amin'ny lahatsoratra Hebreo, ireo dikan-teny sasany taty aoriana manao hoe: "ahoana no tokony havaliko rehefa mamaly ny fitarainako Izy." na hoe: "ahoana no tokony havaliko rehefa miteny mafy ahy Izy."

---

3 [1]Ny vavak'i Habakoka mpaminany: [1][2]Ry Yaveh, efa reko ny tatitrao, ary raiki-tahotra aho. Ry Yaveh, velomy eo afovoan'ireo fotoana ireo ny asanao; hampahafantaro eo afovoan'ireo fotoana ireo izany; tadidio ny hanana famindram-po amin'ny fahaviniranao.
[3]Tonga avy any Temana Andriamanitra, ary Ilay Masina avy any an-Tendrombohitr'i Parana. Sela. Manarona ny lanitra ny voninahiny, ary ny tany feno ny fiderany.
[4]Ireo taratra roan'ny tanany dia mamirapiratra tahaka ny tselatra, izay niafenan'ny heriny. [5]Aretina mahafaty no nandeha teo anoloany, ary areti-mandringana no nanaraka ny tongony.
[6]Nitsangana Izy ka nandrefy ny tany; nijery Izy ka nanozongozona ireo firenena. Na dia ireo tendrombohitra maharitra mandrakizay aza torotoro, ary nietry ny havoana tsy manam-pahataperana. Tsy manam-pahataperana ny lalany.
[7]Nahita ireo lain'i Kosana azom-pahoriana aho, ary ny fanamboarana ny lamban'ireo lay tany amin'ny tanin'ny Midiana nihovitrovitra. [8]Tezitra tamin'ireo ony ve Yaveh? Moa ny fahaviniranao ve tamin'ireo ony, na ny fahatezeranao tamin'ireo ranomasina, rehefa nitaingina ireo soavalinao ianao sy ireo kalesim-pandresenao?
[9]Nitondra ny tsipìkanao tsy niaraka tamin'ny fitoerany ianao; nametraka zana-tsipìka tamin'ny tsipìkanao ianao! Sela. Nizara ny tany tamin'ireo ony Ianao. [10]Nahita anao ireo tendrombohitra ka nanaintaina. Oram-be mivatravatra no nandalo teo amin'izy ireo; nanandratra hiaka ny ranomasina lalina. Nampiakatra ireo onjany izany.
[11]Ny masoandro sy ny volana nitoetra teo ambony teo amin'ireo fitoerany avo tamin'ny hazavan'ny zana-tsipìkanao ka nandositra izy ireo, tamin'ny famirapiratan'ny tara-pahazavan'ny lefonao. [12]Nandeha namakivaky ny tany tamim-pahatezerana Ianao. Tamin'ny fahavinirana no nanosihosenao ireo firenena.
[13]Nivoaka ho amin'ny famonjena ny vahoakanao ianao, ho amin'ny famonjena ilay voahositrao. Manorotoro ny lohan'ny ankohonan'ny ratsy fanahy mba hampiharihary ny fototry ny hatony. Sela
[14]Notrobaranao tamin'ny zana-tsipìkany ihany ny lohan'ireo mpiadiny raha avy toy ny tafiotra hanely anay izy ireo, ny fifalian'izy ireo dia toy ny an'izay mandevona ny mahantra any amin'ny toerana miafina. [15]Efa nandeha namakivaky ny ranomasina tamin'ny soavalinao ianao, ary nampisavovona ireo rano be.
[16]Nandre aho, ary nihorohoro ny tao anatiko! Nipararetra tamin'ny feo ny molotro. Tonga tamin'ny taolako ny fahalovana, ary nangovitra ny tenako raha niandry amim-pahanginana ny androm-pahoriana hiavian'ireo olona izay handroba anay.
[17]Na dia tsy mamontsina aza ny hazon'aviavy ary tsy misy vokatra ny tahom-boaloboka; ary na dia mandiso fanantenana aza ny hazo oliva ary tsy mamokatra hanina ireo saha; ary na dia haringana aza ny ondry ao am-bala ary tsy misy biby fiompy ao am-pihinanana, dia izao no hataoko.
[18]Mbola hiravoravo ao amin'i Yaveh aho. Hifaly aho noho ny famonjen'Andriamanitra ahy. [19]Ny Tompo Yaveh no heriko ary manao ny tongotro tahaka ny an'ny diera Izy. Mampandroso ahy any amin'ireo toerako avo Izy. —Ho an'ny lehiben'ny mpihira, amin'ny fitaovan-dokangako.

---

[1]Fanamarihana: ny lahatsoratra Hebreo manampy ny fomba fitenenana hoe: "eo amin'ny Sigionota" izay mety manondro ny fibaikoana hira ho an'ny mpihira.

Zefania

1 [1]Izao no tenin'i Yaveh izay tonga tamin'i Zefania zanaka lahin'i Kosy zanaka lahin'i Gedalia zanaka lahin'i Amaria zanaka lahin'i Hezekia, tamin'ny andron'i Josia zanaka lahin'i Amona, mpanjakan'ny Joda. [2]"Hamotika ny zava-drehetra tsy ho eo ambonin'ny velaran-tany tokoa Aho_izany no fanambaran'i Yaveh. [3]Handringana ny olona sy ny biby Aho; handringana ny voron'ny lanitra sy ny trondron-dranomasina Aho, ho eo amin'ireo ratsy fanahy ny faharavana. Fa haringako tsy ho eo ambonin'ny tany ny olona_izany no fanambaran'i Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Haninjitra ny tanako eo amin'i Joda sy amin'ireo mponin'ny Jerosalema rehetra Aho. Haringako tsy ho amin'ity tany ity ireo sisan'i Bala sy ireo anaran'olona mpanompo sampy eo amin'ireo mpisorona, [5]ireo olona izay manompo ireo tena eny amin'ny lanitra eo an-tampon-trano, ary ireo olona manompo sy mianiana amin'i Yaveh kanefa sady mianiana amin'ny mpanjakan'izy ireo. [1] [6]Handringana ireo izay efa nivily tamin'ny fanarahana an'i Yaveh ihany koa Aho, ireo izay tsy nikatsaka an'i Yaveh na nanontany ny tari-dalany."
[7]Aza miteny eo anatrehan'i Yaveh Tompo! Fa efa akaiky ny andron'i Yaveh; efa nanomana fanatitra sy efa nanokana ireo vahininy Izy. [8]"Izany dia hitranga amin'ny andron'ny soron'i Yaveh, hanasazy ireo andrian-dahy sy ireo zanaka mpanjaka, ary ireo rehetra mitafy fitafiana vahiny Aho. [9]Amin'izany andro izany dia hanasazy ireo rehetra izay mandingana ny tokonana Aho, dia ireo izay mameno ny tranon'ny tompony amin'ny herisetra sy fitak.
[10]Koa amin'izany andro izany—izao no fanambaran'i Yaveh—fa hisy feo mitaraina avy eo am-Bavahadin-kazandrano, fidradradradràna avy eo amin'ny Tanàna Ambany, ary fidabohana lehibe avy amin'ireo havoana. [11]Midradradradrà, ry mponin'ny Maktesy, fa ho ringana ireo mpandranto rehetra; ho lany ringana ireo izay nivesatra volafotsy.
[12]Ary amin'izany andro izany dia hitady an'i Jerosalema amin'ny fanilo Aho ary hanasazy ireo olona babon'ny divainy sy manao anakam-po hoe: "Tsy hanao na inona na inona i Yaveh, na soa na ratsy." [13]Ho lasa babo ny harenan'izy ireo, ary ho lao ny tranon'izy ireo! Hanorina trano izy ireo kanefa tsy hitoetra ao amin'ireo, ary hamboly voaloboka kanefa tsy hisotro ny divain'ireo.
[14]Efa antomotra ny andro lehiben'i Yaveh, antomotra sady mihafaingana tokoa! Ny feon'ny andron'i Yaveh dia ho tahaka ny mpiady mitaraina mafy! [15]Izany andro izany dia ho andron'ny fahatezerana, andron'ny fahoriana sy fahalevonana, andron'ny tafio-drivotra sy fanafoanana, andron'ny fahamaizinana sy fanjombonana, andron'ny rahona sy haizim-pito.
[16]Izany dia ho andron'ny trompetra sy fanairana hanohitra ireo tanàna mimanda sy ireo tilikambo avo.
[17]Fa hitondra fahoriana eo amin'ny olombelona Aho, ka hirenireny toy olona jamba izy ireo satria efa nanota tamin'i Yaveh. Hararaka toy ny vovoka ny ràn'izy ireo, ary ny ao anatin'izy ireo dia ho toy ny zezika. [18]Na ny volafotsin'izy ireo na ny volamenany dia tsy afaka hamonjy azy ireo amin'ny androm-pahatezeran'i Yaveh. Ho levon'ny afon'ny fahasarotam-piarony ny tany rehetra, fa hitondra fahafonganana feno, mahatsiravina amin'ny mponin'ny tany rehetra Izy."

---

[1]Fanamarihana: Ny lahatsoratra Hebreo manao hoe: "amin'ny mpanjakan'izy ireo", fa ny fandikana taty aoriana sasany kosa mamaky hoe: "tamin'i Milkoma", ny anaran'ny andriamanitr'i Pagana izay tompoin'ny olona maro.

---

2 [1]Angony ny tenanareo ary mitambara, ry firenena tsy manan-kenatra— [2]dieny mbola tsy mihatra ny didy ary dieny mbola tsy mielina toy ny akofa ny andro, dieny mbola tsy tonga aminareo ny firehetan'ny fahatezerana mafin'i Yaveh, dieny mbola tsy tonga aminareo ny andron'ny fahatezeran'i Yaveh. [3]Mikatsaha an'i Yaveh, ry vahoaka mendrika rehetra ambonin'ny tany izay mankatò ireo didiny! Katsaho ny fahamarinana. Katsaho ny fanetren-tena, ary dia mety ho voaharo ianareo amin'ny andron'ny fahatezeran'i Yaveh.
[4]Fa i Gaza dia ho lao, ary Askelona ho rava. Handroaka an'i Asdoda amin'ny mitataovovonana izy ireo, ary hamongotra an'i Ekrona! [5]Loza ho an'ireo mponina any amoron-tsiraka, dia ny firenen'ireo Keretita! Efa niteny nanohitra anareo i Yaveh, ry Kanana, tanin'ireo Filistina. Handringana anareo ambara-pahafoana ny mponina Aho.
[6]Ary dia ho lasa ahitra ho an'ireo mpiandry ondry sy ho an'ny valan'ondry ny moron-tsiraka. [7]Ireo faritra amoron-tsiraka dia ho an'ireo sisan'ny ankohonan'i Joda, izay hiandry ny ondry aman'osiny ao. Ao amin'ny ankohonan'i Askelona no handrian'ireo vahoakan'izy ireo amin'ny hariva, fa Yaveh Andriamanitr'izy ireo no hikarakara azy ireo sy hamerina ny fananany.
[8]"Efa reko ny teny ratsin'i Moaba sy ny latsan'ireo vahoakan'i Amona raha niteny ratsy ireo vahoakako sy nanitsakitsaka ny faritaniny izy ireo. [9]Noho izany, raha velona koa Aho—izao no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'Israely, —ho tahaka an'i Sodoma i Moaba, ary ireo vahoakan'i Amona ho tahaka an'i Gomora; dia ho toeran'ny alan'amiana sy lava-tsira, tany lao mandrakizay. Fa ny sisa amin'ireo vahoakako kosa hambabo azy ireo, ary ireo sisa amin'ny fireneko hahalasa azy ireo ho fananana."
[10]Izany no hihatra amin'i Moaba sy Amona nohon'ny fireharehany, satria niteny ratsy sy nanaraby ny vahoakan'i Yaveh Tompon'ny maro izy ireo. [11]Ary hatahotra an'i Yaveh izy ireo, satria hiteny ratsy ny andriamanitra rehetran'ny tany Izy. Hanompo Azy ny olon-drehetra, ny olon-drehetra avy amin'ny toerany, avy amin'ny moron-tsiraka rehetra.
[12]Ianareo ihany koa ry Kosita dia ho voalefon'ny sabatro, [13]ary ny tanan'i Yaveh no hanafika ny avaratra ka hamotika an'i Asyria, ka dia ho lasa tany karakaina tahaka ny tany efitra i Ninive. [14]Ary handry ao ny omby, ny biby rehetran'ireo firenena, ny vorondolon'ny efitra sy ny sokina dia handry eo amin'ny tendron'ny andriny. Hisy antso hihira avy eo am-baravarankely; ho eo an-tokonana ny faharavana; ho sarona ireo andry sedera voasokiny.
[15]Izany ilay tanàna niravoravo izay niaina tsy nisy tahotra, izay nanao anakam-po taminy hoe; "Izaho no izy, ary tsy misy toa ahy." Indrisy fa tonga mahatsiravina izy, toerana natao mba handrian'ny biby. Izay rehetra mandalo eo aminy dia hisitrisitra ary hamokona ny totohondriny aminy.

3 [1]Loza ho an'ny tanàna mpikomy! Voaloto ny tanàna mahery setra. [2]Tsy nihaino ny feon'Andriamanitra izy, na nanaiky famaizana avy tamin'i Yaveh. Tsy natoky an'i Yaveh ary tsy nanatona an'Andriamaniny izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Liona mierona eo afovoany ireo andrian-dahiny. Ireo mpitsarany dia amboadia amin'ny hariva izay tsy mamela na inona na inona mba ho hanina ny maraina. [4]Lehilahy maditra sy mpamitaka ireo mpaminaniny. Efa nanimbazimba izay masina sy nanao herisetra tamin'ny lalàna ireo mpisorony.
[5]Yaveh dia marina eo anivony. Tsy afaka manao ny tsy mety izy. Isa-maraina no hizarany ny fitsarany! Tsy ho takona ao anatin'ny hazavana izany, fa ny olona tsy marina dia tsy mahalala menatra.
[6]"Efa namotika firenena Aho; rava ireo fiarovana mafin'izy ireo. Noravaiko ireo lalany, mba tsy hisy na iza na iza handalo eo amin'izy ireo. Fongana ireo tanànany ka tsy misy olona monina ao amin'izy ireo. [7]Niteny Aho hoe: "Hatahotra Ahy tokoa ianao." Hekeo ny famaizana ka tsy hiala amin'ny tranonao araka izay rehetra efa nomaniko ho atao aminao ianao." Saingy tamim-pahazotoana no nanombohan'izy ireo isa-maraina amin'ny fanaovana ny asa ratsin'izy ireo rehetra.
[8]Noho izany miandrasa Ahy— izany no fanambaran'i Yaveh— mandra-pahatongan'ny andro izay hitsanganako ho an'ny niharam-boina. Fa ny fanapahan-kevitro dia ny hanangona ireo firenena, hamory ireo fanjakana, ary handrarahako ny fahatezerako amin'izy ireo, ireo fahavinirako mafy rehetra, mba ho levon'ny afon'ny fahatezerako ireo tany rehetra. [1]
[9]Fa hanome molotra madio ho an'ny vahoaka Aho avy eo, mba hiantsoana azy rehetra amin'ny anaran'i Yaveh mba hanompo Ahy miaraka. [10]Avy any andafin'ireo onin'i Etiopia ireo mpidera Ahy— ny oloko izay voaely— no hitondra ireo fanatitra ho Ahy. [11]Amin'izany andro izany dia tsy ho menatra amin'ny asa ratsinareo rehetra izay nataonareo tamiko ianareo, satria amin'izany fotoana izany dia hofongoriko eo aminareo ireo izay mankalaza ny fieboebonareo, ary satria tsy hanao fihetsika an'avona any amin'ny tendrombohitro masina intsony ianareo.
[12]Fa handao anao tahaka ny olona manetry tena sy mahantra Aho, ary hialoka ao amin'ny anaran'i Yaveh ianareo. [13]Tsy hanao ny tsy rariny na hiteny lainga intsony ireo sisa tavela ao Israely, ary tsy ahitana lela mpamitaka ao am-bavan'izy ireo; ka hihinana sy handry izy ireo, ary tsy hisy na iza na iza hampitahotra azy ireo."
[14]Mihirà, ry zanaka vavin'i Ziona! Mihiakà, ry Israely. Miravoravoa ary mifalia amin'ny fonao rehetra, ry zanaka vavin'i Jerosalema. [15]Nanaisotra ireo famaizanao Yaveh; nandroaka ireo fahavalonao Izy! Yaveh no mpanjakan'Israely eo aminao. Tsy hatahotra ny ratsy intsony ianao! [16]Amin'izany andro izany dia hiteny amin'i Jerosalema izy ireo hoe: "Aza matahotra, ry Ziona. Aza mamela ny tananao hangozohozo.
[17]Ao aminao i Yaveh Andriamanitrao, dia ilay mahery mpamonjy anao. Hankalaza eo aminao Izy ary am-pifaliana no hanginany eo aminao ao amin'ny fitiavany. Hiravoravo eo aminao Izy ary hanao hiakam-pifaliana, [18]tahaka ny tamin'ireo andro firavoravoana efa voatondro. Hanala ny loza eo aminao Aho; tsy hitondra henatra amin'izany intsony ianao. [2]
[19]Indro, hifanandrina amin'ny mpampahory anao rehetra Aho. Amin'izany fotoana izany, hamonjy ireo mandringa ary hanangona ireo noroahina Aho. Hataoko tahaka ny fiderana izy ireo, ary hanova ny henatr'izy ireo ho laza maneran-tany rehetra Aho. [20]Amin'izany fotoana izany dia hitarika anareo Aho; hangoniko miaraka ianareo. Ho ataoko manaja sy midera anareo ireo firenena rehetra maneran-tany, rehefa hitanareo fa namerina anao amin'ny laoniny Aho," hoy Yaveh.

[1]Fanamarihana: Ny lahatsoratra Hebreo tahaka ny hoe "mandra-pahatongan'ny andro izay hitsanganako ho an'ireo niharam-boina". Na izany aza, ny sasany amin'ireo dikan-teny taloha sy dikan-teny taty aoriana manao hoe: "mandra-pahatongan'ny andro hitsanganako ho vavolombelona."
[2]Fanamarihana: ity andiany ity dia sarotra takarina, ary mandika izany amin'ny fomba maro samihafa ireo dikan-teny taty aoriana.

Hagay

1 [1]Tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Dariosa mpanjaka, tamin'ny fahenin'ny volana, tamin'ny andro voalohan'ny volana, dia tonga tamin'ny alalan'ny tanan'i Hagay mpaminany teo amin'i Zerobabela governoran'i Joda, zanaka lahin'i Sealtiela, ary teo amin'i Josoa mpisoronabe zanaka lahin'i Jozadaka ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Yaveh Tompon'ny maro milaza izao: Izao no nolazain'ireo vahoaka ireo: 'Tsy fotoana ahatongavantsika na hanorenantsika trano ho an'i Yaveh izao.'"
[3]Avy eo dia tonga tamin'ny alalan'ny tanan'i Hagay mpaminany ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [4]"Fotoana honenanareo ao amin'ny trano vitanareo ve izao, raha toa ka mbola rava izany trano izany? [5]Koa ankehitriny Yaveh Tompon'ny maro milaza izao: Diniho ireo fombanareo! [6]Namafy voa marobe ianareo, fa nijinja vokatra kely; nihinana ianareo nefa tsy afa-po; nisotro ianareo fa tsy mamo. Nitafy akanjo ianareo fa tsy afaka nanafana ny tenanareo, ary ny mpikarama dia handray vola ho atao ao anaty kitapo feno loaka fotsiny ihany!
[7]Izao no lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: "Diniho ireo fombanareo! [8]Miakara any an-tendrombohitra, mitondrà hazo, ary hahoreno ny tranoko; dia hifaly ao amin'izany Aho, ary homem-boninahitra Aho! —hoy i Yaveh." [9]"Mitady ny betsaka ianareo, kanefa indro! trano kely no nentinareo, satria notsofiko izany! Nahoana?" nanambara i Yaveh Tompon'ny maro. "Satria ny tranoko dia rava, raha toa ka miasa ho an'ny tranony avy ny tsirairay aminareo.
[10]Noho izany ny lanitra dia hihazona ny ando tsy ho anareo, ary ny tany dia hihazona ireo vokany. [11]Niantso hain-tany teo amin'ny tany sy teo amin'ireo tendrombohitra, teo amin'ny vary sy teo amin'ny divay vaovao, teo amin'ny diloilo sy teo amin'ny vokatry ny tany, teo amin'ny olona sy teo amin'ireo biby, ary teo amin'ireo asan'ny tananareo rehetra Aho!"
[12]Ary Zerobabela zanaka lahin'i Sealtiela, sy i Josoa mpisoronabe zanaka lahin'i Jozadaka, miaraka amin'ireo olona sisa tavela, dia nankatoa ny feon'i Yaveh Andriamanitr'izy ireo sy ireo tenin'i Hagay mpaminany, satria Yaveh Andriamanitr'izy ireo no nandefa azy ary ireo vahoaka dia natahotra ny tavan'i Yaveh. [13]Ary i Hagay, ilay mpitondra ny hafatr'i Yaveh, dia niteny ny hafatr'i Yaveh tamin'ny vahoaka nanao hoe: "Miaraka aminareo Aho! —izany no fanambaran'i Yaveh!"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Koa nanetsika ny fanahin'i Zerobabela zanaka lahin'i Sealtiela, governoran'i Joda, sy ny fanahin'i Josoa mpisoronabe zanaka lahin'i Jozadaka, ary ny fanahin'ireo vahoaka sisa tavela rehetra i Yaveh, mba handeha izy ireo ka hiasa amin'ny tranon'i Yaveh Tompon'ny maro, Andriamanitr'izy ireo [15]tamin'ny andro fahefatra amby roapolon'ny volana fahenina, tamin'ny faharoa taona nanjakan'i Dariosa mpanjaka.

2 [1]Tamin'ny volana fahafito tamin'ny andro fahiraika amby roapolon'ny volana, dia tonga tamin'ny alalan'i Hagay mpaminany ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [2]"Mitenena amin'ny governoran'i Joda, dia i Zerobabela zanak'i Sealtiela, sy amin'ny mpisorona be dia i Josoa zanak'i Jehozadaka, ary amin'ny sisan'ny vahoaka. Lazao hoe:
[3]"Iza no tavela aminareo izay nahita ity trano ity tamin'ny voninahiny taloha? Ahoana ny fahitanareo izany ankehitriny? Moa ve tsy toy ny tsinontsinona eo imasonareo izany? [4]Ankehitriny, matanjaha, ry Zerobabela! —izany no fanambaran'i Yaveh—ary matanjaha, ry mpisorona be dia i Josoa zanak'i Jehozadaka; ary matanjaha, ianareo vahoaka rehetra amin'ny tany! —izany no fanambaran'i Yaveh—ary miasà, fa momba anareo Aho! —izany ny fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro. [5]Izany ny fanekena izay naoriko taminareo raha nivoaka tany Egypta ianareo, ary mitoetra ao aminareo ny Fanahiko. Aza matahotra!
[6]Fa izao no lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Ao anatin'ny fotoana fohy dia hanozongozona ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina sy ny tany maina indray Aho! [7]Hahozongozoko ny firenena rehetra, ary hitondra ireo zava-tsarobidiny eto Amiko ny firenen-drehetra, ary hofenoiko voninahitra ity trano ity, hoy Yaveh Tompon'ny maro.
[8]Ahy ny volafotsy sy ny volamena! —izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro. [9]Ny voninahitr'ity trano ity dia ho lehibe amin'ny hoavy noho ny tany am-boalohany, hoy Yaveh Tompon'ny maro, ary eto amin'ity toerana ity no hanomezako fiadanana! —izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro."
[10]Tamin'ny andro fahefatra amby roapolon'ny volana fahasivy, tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Dariosa, dia tonga tamin'i Hagay mpaminany ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [11]"Izao no lazain'i Yaveh Tompon'ny maro: Manontania ireo mpisorona mahakasika ny lalàna, ka lazao hoe: [12]'Raha misy olona mitondra hena izay voatokana ho an'i Yaveh ao amin'ny valonan'akanjony, ary mikasika mofo na hanina, divay na diloilo ilay valonany, na izay karazan-tsakafo, dia tsy lasa masina ve izany?'" Namaly ireo mpisorona ka nanao hoe: "Tsia."
[13]Dia hoy Hagay: "Raha misy olona izay maloto amin'ny faty mikasika ireo zavatra ireo, tsy tonga maloto ve ireo?" Namaly ireo mpisorona ka nanao hoe: "Eny, lasa maloto ireo." [14]Dia namaly Hagay ka nanao hoe: "Dia toy izany koa ity vahoaka ity sy ity firenena ity eo anatrehako! —izany ny fanambaran'i Yaveh—ary toy izany koa ny zava-drehetra vitan'ny tanan'izy ireo: izay atolotr'izy ireo ho Ahy dia maloto.
[15]Koa ankehitriny, hevero ao an-tsainareo ny lasa ka hatramin'izao andro izao mihitsy. Nialohan'ny nametrahana ny vato ambonin'ny vato tao an-tempolin'i Yaveh, [16]dia nanao ahoana ary izany? Raha tonga teo amin'ny antontam-bary roapolo fatra ianareo, dia folo ihany no nisy, ary raha tonga teo amin'ny vatan-divay mba handraoka dimampolo fatra ianareo, dia roapolo ihany no nisy. [17]Namely anareo sy ny asan'ny tananareo rehetra tamin'ny vary sy ny maty fotsy Aho, nefa mbola tsy niverina tamiko ihany ianareo—izany no fanambaran'i Yaveh.
[18]Hevero manomboka izao andro izao, hatramin'ny andro fahefatra amby roapolon'ny volana fahasivy, hatramin'ny andro izay nametrahana ny fototry ny tempolin'i Yaveh. Hevero izany! [19]Mbola misy voa ve ao amin'ny trano fitehirizana? Tsy namokatra ny divay, ny hazon'aviavy, ny ampongaben-danitra, ary ny hazon'oliva! Fa manomboka ankehitriny dia hitahy anareo Aho!"
[20]Dia tonga fanindroany tamin'i Hagay tamin'ny andro fahefatra amby roapolon'ny volana ny tenin'i Yaveh ka nanao hoe: "[21]Mitenena amin'ny governoran'i Joda, dia i Zerobabela, ka lazao hoe: "Hanozongozona ny lanitra sy ny tany Aho. [22]Satria horavako ny seza fiandrianan'ireo fanjakana ary hopotehiko ny herin'ireo fanjakan'ny firenena! Horavako ireo kalesy sy ireo mpitaingina izany; ho lavo ireo soavaly sy ny mpitaingina izany, ny tsirairay lavo nohon'ny sabatry ny rahalahiny.
[23]Amin'izany andro izany—izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro—dia halaiko ianao, ry Zerobabela zanak'i Sealtiela, ho mpanompoko—izany ny fanambaran'i Yaveh. Hataoko toy ny peratra fanombohan-kase ianao, fa efa nifidy anao Aho! —izany no fanambaran'i Yaveh Tompon'ny maro!'"

Zakaria

1 [1]Tamin'ny volana fahavalo tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Dariosa, dia tonga tamin'i Zakaria zanaka lahin'i Berekia zanaka lahin'Ido, mpaminany, ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [2]"Tezitra fatratra tamin'ireo razambenao i Yaveh! [3]Lazao izy ireo hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Mitodiha Amiko! —izany no fanambaran'i Yaveh tompon'ny maro —dia hitodika aminareo Aho, hoy Yaveh tompon'ny maro.
[4]Aoka ianareo tsy ho tahaka ny razambenareo izay nantsoin'ireo mpaminany teo aloha, manao hoe: "Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Mialà amin'ny lalan-dratsinareo sy ny fampiharan-dratsinareo!" Fa tsy nandre izy ireo ary tsy niraharaha Ahy—izany no fanambaran'i Yaveh.' [5]Ireo razambenareo, aiza izy ireo? Aiza ireo mpaminany, eto mandrakizay ve izy ireo? [6]Fa ireo teniko sy ireo lalàko izay nandidiko an'ireo mpaminany mpanompoko, tsy efa nahatratra ireo razambenareo ve ireo? Koa nibebaka izy ireo ary nanao hoe: 'Araka izay efa nalahatr'i Yaveh tompon'ny maro hatao aminay izay mendrika ireo lalanay sy ireo asanay, no nataony taminay.'"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Tamin'ny andro fahefatra amby roapolo tamin'ny fahiraika ambin'ny folon'ny volana, izay volan'ny Sebata, tamin'ny taona faharoa nanjakan'i Dariosa, dia tonga tamin'i Zakaria, zanaka lahin'i Berekia zanaka lahin'Ido, ilay mpaminany, ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [8]"'Nahita tamin'ny alina aho, ary, indro! nisy lehilahy iray nitaingina soavaly mena, ary teo amin'ny hazo rotra izay teo amin'ny lohasaha izy; ary teo aoriany dia nisy soavaly mena, volontany manopy mena, ary soavaly fotsy." [9]Hoy aho hoe: "Inona ireto zavatra ireto, ry Tompo?" Avy eo dia nisy anjely iray niresaka tamiko nanao tamiko hoe: "Ho asehoko anao hoe inona ireo zavatra ireo."
[10]Ary ilay lehilahy izay nitsangana teo amin'ny hazo rotra namaly ary niteny hoe: "Ireo no nalefan'i Yaveh mba hirenireny manerana ny tany." [11]Namaly ilay anjelin'i Yaveh izay nitsangana teo amin'ny hazo rotra izy ireo; hoy izy ireo taminy hoe: "Efa nirenireny nanerana ny tany izahay; indro, ny tany rehetra dia mbola mipetraka sy mitsahatra."
[12]Dia namaly ilay anjelin'i Yaveh ary niteny hoe: "Ry Yaveh tompon'ny maro, mandra-pahoviana no hanehoanao tsy fangoraham-po amin'i Jerosalema sy amin'ireo tanànan'i Joda izay efa niharitra fahatezerana izay fitopolo taona izay?"
[13]Namaly ilay anjely izay niresaka tamiko, tamin'ny teny soa, teny fampaherezana i Yaveh.
[14]Ka niteny tamiko ilay anjely izay niresaka tamiko hoe: "Miantsoa mafy ary milazà hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Saro-piaro tamim-pitiavana lehibe tamin'i Jerosalema sy tamin'i Ziona Aho! Tezitra mafy amin'ireo firenena izay ao anatin'ny fitoniana ireo Aho. [15]Raha mbola tezitra kely tamin'ireo Aho, dia vao mainka nampaharatsy ny fahoriana izy ireo.
[16]Noho izany dia izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Efa niverina tamin'i Jerosalema tamim-pamindram-po Aho. Ho voaorina ao anatiny ny tranoko—izany no fanambaran'i Yaveh tompon'ny maro—ary ny famolaina dia ho henjanina amin'i Jerosalema!' [17]Miantsoa mafy indray, manao hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Ho tondraka soa indray ireo tanànako, ary hampahery an'i Ziona indray Yaveh, ary hisafidy an'i Jerosalema indray Izy."'
[18]Dia nanandratra ny masoko aho ary nahita tandroka efatra! [19]Niresaka tamin'ilay anjely izay niresaka tamiko aho hoe: "Inona ireo?" Namaly ahy izy hoe: "Ireo no tandroka izay efa nanaparitaka an'i Joda, Israely, ary Jerosalema."
[20]Avy eo dia nampiseho mpanao asa tanana efatra tamiko i Yaveh. [21]Hoy aho hoe: "Inona no anton-dian'ireo olona ireo?" Namaly Izy, ary niteny hoe: "Ireo no tandroka izay nanaparitaka an'i Joda mba tsy hisy olona afaka hanandratra ny lohany. Fa ireo olona ireo dia tonga mba handroaka azy ireo, mba handrava ireo tandrok'ireo firenena izay nanandratra tandroka manohitra ny tanin'i Joda mba hanaparitaka azy."

2 [1]Manaraka izany dia nanandratra ny masoko aho ary nahita lehilahy niaraka tamin'ny tady fandrefesana teny an-tanany. [2]Hoy aho hoe: "Andeha ho aiza ianao?" Dia hoy izy tamiko hoe: "Handrefy an'i Jerosalema, hamaritra ny sakany sy ny halavany."
[3]Dia lasa ilay anjely izay niresaka tamiko ary nisy anjely iray hafa nivoaka mba hitsena azy. [4]Hoy ilay anjely faharoa taminy hoe: "Mihazakazaha ary miresaha amin'iny tovolahy iny; lazao hoe: 'Hipetraka eo amin'ny tanàna misokatra i Jerosalema nohon'ny hamaroan'ny olona sy ireo biby ao aminy. [5]Fa Izaho — izany no fanambaran'i Yaveh—dia ho tonga manda afo manodidina azy, ary ho voninahitra eo afovoany Aho.
[6]Haingana! Haingana! Mitsoaha avy any amin'ny tany avaratra—izany no fanambaran'i Yaveh—fa Izaho efa nampiely anareo toy ny rivotra efatry ny lanitra! —Izany no fanambaran'i Yaveh. [7]Eh! Mandosira mankany Ziona, ianareo izay mipetraka miaraka amin'ny zanaka vavin'i Babylona!"'
[8]Fa taorian'ny nanomezan'i Yaveh tompon'ny maro voninahitra ahy sy nandefasany ahy hanohitra ireo firenena izay nandroba anareo—fa na iza na iza mikasika anareo, dia mikasika ny anakandriamason' Andriamanitra! —rehefa avy nanao izany Yaveh, dia hoy Izy hoe: [9]"'Izaho mihitsy no haninjitra ny tanako amin'izy ireo, ary dia ho babo ho an'ireo andevony izy ireo." Dia ho fantatrareo fa i Yaveh tompon'ny maro no naniraka ahy.
[10]"'Mihirà ho amin'ny fifaliana, ry zanaka vavin'i Ziona, fa Izaho mihitsy no ho tonga sy hitoby eo aminareo! —izany no fanambaran'i Yaveh." [11]Avy eo ireo firenen-dehibe hiaraka amin'i Yaveh amin'izany andro izany. Hoy izy hoe: "Ary dia ho tonga vahoakako ianareo; fa hitoby eo afovoanareo Aho," ary ho fantatrareo fa Yaveh tompon'ny maro no naniraka ahy ho eo aminareo.
[12]Fa Yaveh hampandova an'i Joda toy ny fananany ara-drariny any amin'ny tany masina ary hifidy indray an'i Jerosalema ho azy. [13]Aza miteny, eo anatrehan'i Yaveh, ry nofo rehetra, fa nitsangana avy tao amin'ny toerany masina Izy!

3 [1]Avy eo Yaveh nampiseho ahy an'i Josoa ilay mpisoronabe izay nijoro nanoloana ny anjelin'i Yaveh sy Satana nijoro teo an-tanan-kavanany mba hiampanga azy ho nanota. [2]Hoy ilay anjelin'i Yaveh tamin'ny Satana hoe: "Hiteny mafy anao anie Yaveh, ry Satana; Yaveh, izay nisafidy an'i Jerosalema anie, hiteny mafy anao! Moa tsy forohana nosarihana tamin'ny afo ve ity?" [3]Niakanjo fitafiana maloto Josoa raha nijoro teo anoloan'ilay anjely.
[4]Niresaka ilay anjely ary niteny tamin'ireo izay nijoro teo anoloany hoe: "Esory aminy ireo fitafiana maloto." Dia hoy izy tamin'i Josoa hoe: "Indro! Efa nesoriko taminao ny helokao ary hampiakanjoako akanjo tsara ianao." [5]Hoy izy hoe: "Aoka izy ireo hametraka hamama madio eo an-dohany!" Dia nametraka hamama madio teo ambony lohan'i Josoa izy ireo ary nampiakanjo azy tamin'ny akanjo madio raha nijoro teo akaiky teo ilay anjelin'i Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Avy eo ilay anjelin'i Yaveh nibaiko am-pahamatorana an'i Josoa ary niteny hoe: [7]"'Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Raha handeha amin'ny lalako ianao, ary raha hitandrina ireo didiko ianao, dia hifehy ny tranoko ianao ary hiambina ny kianjako, satria havelako handeha sy hiditra eo amin'ireo izay mijoro manoloana Ahy ireo ianao.
[8]Henoy, ry Josoa mpisoronabe, ianao sy ireo namanao izay monina miaraka aminao! Fa famantarana ireo olona ireo, satria Izaho mihitsy no hampiakatra ny mpanompoko ilay Rantsana. [9]Ary jereo ilay vato izay napetrako eo anoloan'i Josoa. Misy maso fito ao amin'io vato tokana io, ary hanao sokitra soratra Aho—izany no fanambaran'i Yaveh tompon'ny maro— ary hanala ny fahotana amin'ity tany ity ao anatin'ny iray andro Aho.
[10]Amin'izany andro izany— izany no fanambaran'i Yaveh tompon'ny maro—ny olona tsirairay dia hanasa ny mpiara-belona aminy mba hipetraka ambanin'ny voalobony sy ambanin'ny hazon'aviaviny."

4 [1]Avy eo nitodika ary nanaitra ahy toy ny olona tairina amin'ny torimasony ilay anjely izay niresaka tamiko. [2]Hoy izy tamiko hoe: "Inona no hitanao?" Dia hoy aho hoe: "Mahita fanaovan-jiro vita amin'ny volamena tanteraka aho, miaraka amin'ny fitoeran-diloilo eo an-tampony. Misy lela fanaovan-jiro fito eo amin'izany ary misy fantsona fito eo an-tampon'ny lahin-jiro tsirairay. [3]Misy hazon'oliva roa eo anilan'izany, iray eo amin'ny ilany amin'ny tanan-kavanan'ny fitoeran-diloilo ary ilay hafa eo amin'ny ilany an-kavia."
[4]Noho izany dia niresaka tamin'ilay anjely izay niresaka tamiko indray aho. Hoy aho hoe: "Inona no dikan'ireo zavatra ireo, ry tompoko?" [5]Namaly ahy ilay anjely izay niresaka tamiko ary nanao tamiko hoe: "Tsy fantatrao ve ny dikan'ireo zavatra ireo?" Dia hoy aho hoe: "Tsia, ry tompoko."
[6]Noho izany dia hoy izy tamiko hoe: "Izao no tenin'i Yaveh tamin'i Zerobabela: Tsy amin-kery na amin'ny tanjaka, fa amin'ny Fanahiko, hoy Yaveh tompon'ny maro. [7]Inona moa ianao, ry tendrombohitra lehibe? Ho tonga tany lemaka eo anoloan'i Zerobabela ianao, ary hitondra ny vato atao tendrony izy mba hihiaka hoe: "Fahasoavana! Fahasoavana ho amin'izany!"'
[8]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [9]"'Nametraka ny fototr'ity trano ity ny tanan'i Zerobabela ary hamita izany ny tanany. Dia ho fantatrao fa Yaveh tompon'ny maro no naniraka ahy ho aminao. [10]Iza no nanao tsinontsinona ny andron'ireo zavatra madinika? Hiravo ireo olona ireo ary hahita ny vato pilao eny an-tanan'i Zerobabela. (Ireo lahin-jiro fito ireo no mason'i Yaveh izay mijery an'izao tontolo izao.)" [11]Avy eo dia nanontany an'ilay anjely aho hoe: "Inona ireo hazon'oliva roa izay mitsangana eo an-kavia sy an-kavanan'ny fanaovan-jiro ireo?"
[12]Nanontany azy indray aho hoe: "Inona ireo sampan-kazon'oliva roa akaikin'ireo fantsona volamena roa izay misy diloilo volamena miraraka avy eo aminy ireo?" [13]Avy eo dia hoy izy tamiko hoe: "Tsy fantatrao ve hoe inona ireo?" Hoy aho hoe: "Tsia, ry tompoko."
[14]Noho izany dia hoy izy hoe: "Ireo no zana-diloilo vaovao izay mitsangana manoloana ny Tompon'izao tontolo rehetra izao."

5 [1]Dia nitodika aho ka nampiandrandra ny masoko, ka nahita, indro, horonan-taratasy manidina! [2]Hoy ilay anjely tamiko hoe: "Inona no hitanao?" Dia namaly aho hoe: "Horonan-taratasy manidina no itako, roapolo hakiho ny halavany ary folo hakiho ny sakany."
[3]Dia hoy izy tamiko hoe: "Ity no ozona izay mivoaka manerana izao tontolo izao, fa ny mpangalatra rehetra dia ho fongorina manomboka izao izay mifototra amin'izay lazainy amin'ny andaniny, ary izay rehetra milaza fianianana diso dia ho fongorina izay mifototra amin'izay lazainy amin'ny ankilany, araka ny tenin'izy ireo. [4]"'Ho havoakako izany—izany no fanambaran'i Yaveh tompon'ny maro—koa hiditra ao an-tranon'ny mpangalatra sy ao amin'ny tranon'izay mianiana diso amin'ny anarako izany. Hitoetra ao an-tranony izany ary hanimba ny hazony sy ireo vatony."
[5]Dia nivoaka ilay anjely izay niresaka tamiko ary niteny tamiko hoe: "Asandrato ny masonao ka jereo izay tonga eo" [6]Dia hoy aho hoe: "Inona iny?" Dia hoy izy hoe: "Harona misy efaha iny tonga iny. Ity no helok'izy ireo amin'ny tany manontolo." [1] [7]Dia nalàna tamin'ny harona ny firaka fandrakofana ary nisy vehivavy tao ambanin'izany izay nipetraka tao!
[8]Dia niteny ilay anjely hoe: "Faharatsiana ity!" Natsipiny tao anaty harona indray izy, ary natsipiny teo amin'ny fisokafany ilay firaka fandrakofana. [9]Nampiandrandra ny masoko aho ary nahita vehivavy roa manatona ahy, ary ny rivotra dia teny amin'ny elatr'izy ireo—fa nanana elatra tahaka ny elatry ny vano izy ireo. Nampisandratra ny harona teo anelanelan'ny tany sy ny lanitra izy ireo.
[10]Ka niteny tamin'ilay anjely izay niresaka tamiko aho hoe: "Ho entin'izy ireo mankaiza ny harona?" [11]Dia hoy izy tamiko hoe: "Hanamboarana tempoly any amin'ny tanin'i Sinara ho an'izany, ka rehefa vonona ny tempoly, dia hampitoerina any eo amin'ny fototra voahomana ho azy ilay harona."

---

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny taloha sasany sy ny ankamaroan'ny dikan-teny amin'izao dia manao hoe: "helok'izy ireo". Ny lahatsoratra Hebreo manao hoe "mason'izy ireo", fa izany dia noheverina ho fahadisoana.

6

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Dia nitodika aho ary nampiandrandra ny masoko ka nahita kalesy efatra nivoaka avy teo anelanelan'ny tendrombohitra roa; ary ireo tendrombohitra roa ireo dia vita avy tamin'ny varahina. [2]Ny kalesy voalohany dia nanana soavaly mena, ny kalesy faharoa nanana soavaly mainty, [3]ny kalesy fahatelo nanana soavaly fotsy ary ny kalesy fahefatra dia nanana soavaly sada fotsy. [4]Dia namaly aho ka niteny tamin'ilay anjely niresaka tamiko hoe: "Inona ireo, ry tompoko?"
[5]Namaly ilay anjely ka niteny tamiko hoe: "Ireo no rivotra efatry ny lanitra izay nivoaka teo amin'ny toerana izay nitsanganan'izy ireo teo anoloan'ilay Tompon'ny tany rehetra. [6]Ilay iray izay miaraka amin'ny soavaly mainty dia mivoaka mankany amin'ny firenena avaratra; ireo soavaly fotsy dia mivoaka mankany amin'ny firenena andrefana; ary ireo soavaly sada fotsy dia mivoaka mankany amin'ny firenena atsimo."
[7]Ireo soavaly matanjaka ireo dia nivoaka ary nitady handeha sy hirenireny eny amin'ny tany, ka hoy ilay anjely hoe: "Mandehana mirenireny eny amin'ny tany!" ary nandeha nirenireny eran'ny tany rehetra izy ireo. [8]Dia nitaraina tamiko izy ka niresaka tamiko ary nanao hoe: "Jereo ireo izay mivoaka ho any amin'ny firenena avaratra; hampitony ny fanahiko mahakasika ny firenena avaratra izy ireo."
[9]Ary tonga tamiko ny tenin'i Yaveh, manao hoe: [10]"'Makà fanatitra amin'ireo tany an-tsesitany—avy any Helday, Tobia, ary Jedaia—ary mandehana amin'izany andro izany ihany ary alaivo ao an-tranon'i Josia zanak'i Zefania, izay avy tany Babylona izany. [11]Dia alaivo ny volafotsy sy volamena, manaova satro-boninahitra ary apetraho eo amin'ny lohan'i Josoa zanaka lahin'i Jozadaka, ilay mpisoronabe izany.
[12]Miresaha aminy ary lazao hoe: 'Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Ity lehilahy ity, ny anarany dia Rantsana! Hitombo eo amin'ny misy azy izy sady hanorina ny tempolin'i Yaveh! [13]Izy no hanorina ny tempolin'i Yaveh ary hanangana avo ny famirapiratan' izany; dia hipetraka sy hanapaka eo amin'ny seza fiandrianany izy. Ho mpisorona eo amin'ny seza fiandrianany izy ary hisy ny fahazavan-tsain'ny fiadanana eo amin'izy roa.
[14]Hapetraka eo amin'ny tempolin'i Yaveh ny satro-boninahitra hanomezam-boninahitra an'i Helema, Tobia, sy Jedaia ary ho fahatsiarovana ny hatsaram-panahin'ny zanaka lahin'i Zefania. [15]Ary ireo izay lavitra dia ho tonga sy hanorina ny tempolin'i Yaveh, ka ho fantatrao fa Yaveh tompon'ny maro no naniraka ahy ho aminareo; fa hitranga izany raha tena mihaino ny feon'i Yaveh Andriamanitrareo ianareo!"'

7 [1]Tamin'i Dariosa mpanjaka no mpanapaka nandritry ny efa-taona, tamin'ny andro fahefatra nanjakan'i Kisleva (izay volana fahasivy), dia tonga tamin'i Zakaria ny tenin'i Yaveh. [2]Nandefa an'i Serezera sy Regema-meleka ary ireo olony ny vahoakan'i Betela mba hiangavy anoloan'ny tavan'i Yaveh. [3]Niresaka tamin'ireo mpisorona izay tao an-tranon'i Yaveh tompon'ny maro sy tamin'ireo mpaminany izy ireo; hoy izy ireo hoe: "Tokony hisaona amin'ny alalan'ny fifadian-kanina ve aho amin'ny volana fahadimy, tahaka izay efa nataoko taona maro ireny?"
[4]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh tompon'ny maro, nanao hoe: [5]"'Mitenena amin'ny mponin'ny tany rehetra sy amin'ireo mpisorona ka ataovy hoe: 'Raha nifady hanina sy nisaona tamin'ny volana fahadimy sy fahafito ianareo nandritr'izay fito taona izay, moa ve nifady hanina ho Ahy marina ianareo? [6]Raha nihinana sy nisotro ianareo, moa ve tsy nisotro sy nihinana ho an'ny tenanareo ianareo? [7]Moa ve tsy ireo teny ireo ihany no nambaran'i Yaveh tamin'ny vavan'ireo mpaminany taloha, raha mbola nonina tao Jerosalema sy ireo tanàna nanodidina tamin'ny fanambinana ary nitoetra tao Negeva, sy ireo lemaka amoron-tsiraka any andrefana ianareo?"'
[8]Tonga tamin'i Zakaria ny tenin'i Yaveh, nanao hoe: [9]"'Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: 'Mitsarà amin'ny fitsarana marina, fanekena mahatoky, ary famindram-po. Aoka ny olona tsirairay hanao izany amin'ny rahalahiny. [10]Ny amin'ny mpitondratena sy kamboty, ny vahiny, ary ny olona mahantra—aza mampahory azy ireo, ary aoka tsy hisy aminareo hitetika hanisy ratsy ny hafa ao am-ponareo.'
[11]Nefa nandà ny hihaino izy ireo ary nanamafy ny sorok'izy ireo. Nanakatona ny sofiny izy ireo mba tsy handre.
[12]Nanamafy ny fony tahaka ny vato izy ireo mba tsy handre ny lalàna na ireo tenin'i Yaveh tompon'ny maro. Nandefa ireo hafatra ireo ho an'ny vahoaka tamin'ny alalan'ny Fanahiny tamin'ny fotoana taloha, tamin'ny alalan'ny vavan'ireo mpaminany Izy. Nefa nandà ny hihaino ny vahoaka, ka tezitra mafy tamin'izy ireo Yaveh tompon'ny maro.
[13]Ary rehefa niantso Izy, dia tsy nihaino izy ireo. Tahaka izany ihany," hoy Yaveh tompon'ny maro, "no hiantsoan'izy ireo mafy Ahy, fa tsy hihaino Aho. [14]Fa haeliko amin'ny tadio any amin'ireo firenena rehetra izay tsy mbola hitany izy ireo, ary ho lao manaraka azy ireo ny tany. Fa tsy misy olona handalo amin'ny tany na hiverina ao amin'izany satria efa namadika ny tanin'izy ireo mahafinaritra ho tany ngazana ny vahoaka."

8 [1]Tonga tamiko ny tenin'i Yaveh tompon'ny maro, nanao hoe: [2]"'Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Tia fatratra an'i Ziona amin'ny zotom-po lehibe Aho ary saropiaro nohon'ny aminy amin'ny hatezerana lehibe Aho! [3]Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: hiverina any Ziona Aho ary hitoetra ao afovoan'i Jerosalema, fa efa nantsoina hoe ilay Tanànan'ny Fahamarinana i Jerosalema ary ny tendrombohitr'i Yaveh tompon'ny maro dia ho antsoina hoe Ilay Tendrombohitra Masina!
[4]Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Lahy antitra sy vavy antitra indray no ho eny an-dalam-ben'i Jerosalema, ary ny olona tsirairay hila tehana ho eny an-tanany satria efa niha-antitra izy. [5]Ho feno tovolahy sy tovovavy milalao eny amin'ireo lalam-ben'ny tanàna.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Amin'izany andro izany raha misy zavatra tsy hay atao eo imason'ireo vahoaka sisa tavela, dia tokony tsy ho hay atao eo imasoko koa ve izany? —izany no fanambaran'i Yaveh. [7]Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Indro, eo an-dalam-panavotana ny oloko amin'ny tany fiposahan'ny masoandro Aho ary eo amin'ny tany filentehan'ny masoandro! [8]Fa hitondra azy ireo hiverina Aho, ary honina ao afovoan'i Jerosalema izy ireo, mba ho vahoakako indray izy ireo, ary ho Andriamanitr'izy ireo amin'ny marina sy amin'ny fahamarinana Aho!
[9]Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Ianao izay manohy mihaino ireo teny mitovy izay nivoaka avy tamin'ny vavan'ny mpaminany rehefa napetraka ny fototry ny tranoko—ity tranoko ity, Yaveh tompon'ny maro: Atanjaho ireo tananao mba ho voatsangana ny tempol. [10]Fa talohan'izany andro izany dia tsy nisy vokatra voaangon'ny olona, tsy nisy tombony na ho an'ny olona na ho an'ny biby, ary tsy nisy fiadanana ho an'izay olona mivoaka na miditra avy tamin'ireo fahavalo. Efa nametraka ny olona tsirairay hanohitra ny namany Aho.
[11]Fa ankehitriny izany dia tsy ho toy ny tamin'ny andro fahiny, homba ny sisan'ity vahoaka ity Aho— izany no fanambaran'i Yaveh tompon'ny maro. [12]Fa hafafy ny voan'ny fiadanana; dia hanome ny voany ny hazo voaloboka ary ny tany hanome ny vokam-pamboleny; hanome ny andony ny lanitra, fa hampandovaiko izany zavatra rehetra izany ny sisa amin'ity vahoaka ity.
[13]Ohatra ho an'ireo firenen'ny ozona hafa ianareo, ry taranak'i Joda sy taranak'Israely. Koa dia hamonjy anareo Aho ary ho fitahiana ianareo. Aza matahotra; aoka hatanjaka ny tananareo! [14]Fa izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: tahaka ny nanomanako hanao ratsy aminareo rehefa nampatezitra Ahy ireo razambenareo—hoy Yaveh tompon'ny maro—ary tsy nilefitra Aho, [15]no hanomanako hanao zavatra tsara indray ho an'i Jerosalema sy ny taranak'i Joda ihany koa amin'izany andro izany! Aza matahotra!
[16]Ireto no zavatra izay tsy maintsy hataonareo: Milazà ny marina, ny olona tsirairay amin'ny namany. Mitsarà amin'ny marina, rariny, ary fiadanana eo amin'ny vavahadinareo. [17]Aza manao fikasan-dratsy ao am-ponareo amin'ny hafa, ary aza mitia fianianan-diso—satria mankahala ireo zavatra ireo Aho! —izany no fanambaran'i Yaveh."
[18]Dia tonga tamiko ny tenin'i Yaveh tompon'ny maro, manao hoe: [19]"Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Ny fifadian-kanina amin'ny volana fahefatra, volana fahadimy, volana fahafito, ary ny volana fahafolo dia ho lasa fotoanan'ny fifaliana, firavoravoana, ary fotoana mahafinaritra ho an'ny tarakan'i Joda! Noho izany tiavo ny fahamarinana sy ny fiadanana!
[20]Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Ho tonga indray ny vahoaka, na dia ireo izay monina amin'ireo tanàna maro samihafa aza. [21]Handeha ho any amin'ny tanàna hafa ny mponin'ny tanàna iray ka hanao hoe: "Aoka handeha faingana eo anoloan'i Yaveh isika ka hitady an'i Yaveh tompon'ny maro! Handeha ihany koa isika. [22]Vahoaka maro sy firenena mahery maro no ho tonga hitady an'i Yaveh tompon'ny maro any Jerosalema ary hiangavy ny fankasitrahan'i Yaveh!
[23]Izao no lazain'i Yaveh tompon'ny maro: Amin'izany andro izany dia lehilahy folo avy amin'ny fiteny sy firenena rehetra no hiazona ny sisin'ny akanjonao ary hiteny hoe: 'Aoka hiaraka aminao izahay, fa efa renay fa momba anao Andriamanitra!'"

9 [1]Izao no fanambaran'ny tenin'i Yaveh mahakasika ny tanin'i Hadraka sy Damaskosy. Fa ny mason'i Yaveh dia amin'ny olombelona rehetra, ary koa amin'ny fokon'Israely rehetra. [2]Ity fanambarana ity ihany koa dia mahakasika an'i Hamata, izay mifanolotra amin'i Damaskosy, ary mahakasika an'i Tyro sy Sidona izany, na dia tena hendry aza izy ireo.
[3]Efa nanorina fiarovana mafy ho an'ny tenany i Tyro ary nanangona volafotsy tahaka ny vovoka sy volamena voadio tahaka ny fotaka eny an-dalana. [4]Indro! hanafoana azy Andriamanitra ary hanimba ny tanjany an-dranomasina, mba ho levon'ny afo izy.
[5]Hahita i Askelona ka hatahotra! Hangovitra mafy ihany koa i Gaza! Ekrona, ho foana ny fanantenany! Ho faty any Gaza ny mpanjaka, ary i Askelona dia tsy hisy mponina intsony! [6]Hanao ny tranony ao Asdoda ireo vahiny, ary hanafoana ny fireharehan'ireo Filistina Aho. [7]Fa hanala ny ràn'izy ireo avy eo amin'ny vavany Aho ary ny fahavetavetan'izy ireo eo anelanelan'ny nifiny. Ary dia ho lasa sisa ho an'ny Andriamanitsika tahaka ny foko any Joda izy ireo, ary Ekrona dia ho lasa tahaka ireo Jebosita.
[8]Hitoby manodidina ny taniko Aho mba hanohitra ireo miaramilan'ny fahavalo ka tsy hisy na iray aza afaka mandroso na miverina, fa tsy hisy mpampahory handalo eo amin'izany intsony. Fa ankehitriny dia hiambina ny taniko amin'ny masoko Aho!
[9]Mihobia amin'ny fifaliam-be, ry zanaka vavin'i Ziona! Mihobia am-pifaliana, ry zanaka vavin'i Jerosalema! Indro! Tonga amim-pahamarinana aminao ny mpanjaka ary manavotra anao. Manetry tena izy ka mitaingina eo amin'ny boriky, eo ambony zana-boriky. [10]Ary ho foanako ny kalesy avy any Efraima sy ny soavaly avy any Jerosalema, ary ny tsipìka dia ho foanana amin'ny ady; fa hilaza fiadanana amin'ireo firenena izy, ary ny fanapahany dia ho avy amin'ny ranomasina ka hatramin'ny ranomasina, ary hatramin'ny Ony ka hatramin'ny faravazan-tany!
[11]Raha ny aminareo, nohon'ny ràn'ny fanekeko ao aminareo, dia hafahako avy ao an-davaka izay tsy misy rano ireo gadranareo. [12]Miverena any amin'ny fiarovana mafy, ry gadran'ny fanantenana! Eny na dia anio aza dia manambara Aho fa hanonitra avo roa heny aminareo, [13]fa efa nanenjana an'i Joda ho tsipìkako Aho. Efa namahana ny zana-tsipìkako tamin'ny Efraima Aho. Efa nanaitra ireo zanakareo lahy Aho, ry Ziona, hanohitra ireo zanakareo lahy, ry Grisia, ary efa nanao anareo tahaka ny sabatry ny mpiady Aho, ry Ziona!

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Hiseho amin'izy ireo i Yaveh, ary hitifitra tahaka ny tselatra ny tsipìkany! Fa Yaveh Tompoko hitsoka trompetra ary handroso avy amin'ny tafio-drivotra avy any Temana. [15]Yaveh tompon'ny maro no hiaro azy ireo, ary handevona azy ireo sy handresy ny vaton'antsamotadiny ireo. Ary dia hisotro izy ireo ary hidradradradra tahaka ny olona mamon'ny divay, ary ho feno divay tahaka ireo lovia izy ireo, tahaka ireo zoron'ny alitara.
[16]Koa amin'izany andro izany dia hamonjy azy ireo i Yaveh Andriamaniny; dia ho tahaka ny ondrin'ny vahoakany izy ireo, fa izy ireo no ho firavaky ny satro-boninahitra, hisandratra eo amin'ny taniny. [17]Fa akory ny hasoany sy hatsaran-tarehin'izy ireo! Haniry eo amin'ny vary ny tovolahy ary ny virijiny eo amin'ny voaloboka mamy!

10 [1]Mangataha orana amin'i Yaveh amin'ny vanim-potoan'ny oran-dohataona—Yaveh izay manao kotrokorana—ary manome orana mivatravatra ho an'ny olon-drehetra sy ny zava-maitso eny an-tsaha. [2]Fa ireo sampy ao an-tokatrano dia miteny lainga; ny mpisikidy manao sary an-tsaina lainga; miteny nofy fitaka izy ireo ary manome fampiononana foana, ka mirenireny toy ny ondry ary mijaly nohon'ny tsy fisian'ny mpiandry izy ireo.
[3]Ny hatezerako dia mirehitra amin'ireo mpiandry ondry; ireo osilahy— mpitarika—no ho faiziko. Yaveh tompon'ny maro ihany koa dia hanatrika ireo ondriny, dia ny taranak'i Joda, ary hanao azy ireo toy ny soavaly fentiny any amin'ny ady!
[4]Avy amin'izy ireo no hiavian'ny vato fehizoro; avy amin'izy ireo no hiavian'ny fihantonan-javatry ny lay; avy amin'izy ireo no hiavian'ny tsipìka fiadiana; avy amin'izy ireo no hiavian'ny mpitarika rehetra hiaraka. [1][5]Ho toy ny mpiady izay manitsaka ny fahavalony eo amin'ny fotaky ny lalana amin'ny ady izy ireo; hiady izy ireo, satria Yaveh no momba azy ireo, ary hahamenatra ireo izay mitaingina soavalin'ady izy ireo.
[6]Hampahery ny taranak'i Joda Aho ary hamonjy ny taranak'i Josefa; fa hamerina azy ireo amin'ny laoniny Aho ka hamindra fo amin'izy ireo. Ho toy ny hoe tsy nolaviko izy ireo, satria Izaho no Yaveh Andriamanitr'izy ireo, ary hamaly azy ireo Aho. [7]Dia ho toy ny mpiady i Efraima, ary hifaly toy ny azon'ny divay ny fon'izy ireo; hahita izany ireo zanany ka hifaly. Hifaly Amiko ny fon'izy ireo!
[8]Hisioka ho azy ireo Aho ary hanangona azy ireo, satria hamonjy azy ireo Aho, ary ho tonga lehibe tahaka ny teo aloha izy ireo! [9]Namafy azy ireo teny amin'ireo olona Aho, nefa hahatsiaro Ahy any amin'ireo firenena lavitra izy ireo, ka ho velona sy hiverina izy ireo sy ny zanany. [10]Fa hampody azy ireo avy any amin'ny tany Egypta Aho ary hanangona azy ireo avy any Asyria. Hitondra azy ireo any amin'ny tanin'ny Gileada sy Libanona Aho mandra-paha tsy hisy efitrano ho azy ireo intsony.
[11]Hamakivaky ny ranomasim-pahorian'izy ireo Aho; hamely ireo onjan'izany ranomasina izany Aho ary hanamaina ny lalin'i Neily rehetra. Hahetry ny voninahitr'i Asyria, ary ny tehim-panjakan'i Egypta hiala amin'ireo Egyptiana.
[12]Hanamafy orina azy ireo amiko Aho, ary handeha amin'ny anarako izy ireo—izany no fanambaran'i Yaveh.

---

[1]Fanamarihana: Maro amin'ny dikan-teny ankehitriny no mametraka ny hevitry ny "hiaraka" ao amin'ny fiatombohan'ny andinin-teny manaraka.

---

11 [1]Vohay ny varavaranao, ry Libanona, mba handevonan'ny afo ny sederanao! [2]Misaonà, ry hazo kypreso, fa efa nianjera ny hazo sedera! Ireo avo dia efa nofongorana! Misaonà, ianareo ry hazo terebintan'i Basana, fa efa ripaka ny ala mikitroka. [3]Midradradradra ireo mpiandry ondry, fa efa rava ny voninahitr'izy ireo! Mierona ny feon'ny zanaky ny liona, fa efa rava ny reharehan'ny Ony Jordana!
[4]Fa izao no lazain'i Yaveh Andriamanitro: "Tahaka ny mpiandry ondry, miambina ny ondry izay ho vonoina! [5](mamono azy ireo ilay mividy azy ary tsy voasazy, ary ilay mivarotra azy ireo manao hoe: 'Isaorana anie Yaveh! Efa tonga mpanan-karena aho!' fa ireo mpiandry miasa ho an'ireo tompon'ondry dia tsy niantra azy ireo.) [6]Fa tsy hiantra ny mponin'ny tany intsony Aho! —izany no fanambaran'i Yaveh. Indro! Ny tenako mihitsy no hamerina ny olona rehetra eo an-tanan'ny namany sy eo an-tanan'ny mpanjakany, ary handrava ny tany izy ireo ary tsy hisy na iray amin'izy ireo aza hafahako eo an-tanan'izy ireo."
[7]Koa dia lasa mpiandry ny ondry voalahatra ho vonoina Aho, ho an'ireo izay nitondra ny ondry. Nandray tehina roa Aho; ny tehina iray nantsoiko hoe "Fahasoavana" ary ilay hafa nantsoiko hoe "Fikambanana". Tamin'izany fomba izany no niandrasako ny ondry. [8]Mpiandry ondry telo no novonoiko tao anatin'ny iray volana, satria tsy naharitra tamin'izy ireo aho, ary nankahala ahy rahateo izy ireo. [9]Dia hoy aho tamin'ny tompon'ondry hoe: "Tsy hiasa ho mpiandry ondrinao intsony aho. Ny ondry izay maty—dia aleo ho faty, ny ondry izay ringana—dia aleo ho ringana. Aoka ny ondry izay sisa tavela samy hihinana ny nofon'ny namany."
[10]Dia noraisiko ny tehiko "Fahasoavana" ary nosimbaiko izany mba hanafoanako ny fanekena izay efa nataoko tamin'ireo fokoko rehetra. [11]Tamin'izany andro izany dia rava ilay fanekena, ka ireo izay nitondra ny ondry sy nijery Ahy dia nahafantatra fa niteny Yaveh. [12]Dia hoy aho tamin'izy ireo hoe: "Raha toa ka tsara aminareo izany, dia aloavy ny karamako. Fa raha tsy izany, dia aoka ihany." Ka dia nolanjain'izy ireo ny karamako—sekely volafotsy telopolo.
[13]Ary hoy Yaveh tamiko hoe: "Apetraho ao amin'ny fitoeran-drakitra ny volafotsy, ny sanda tsara indrindra izay nanombanan'izy ireo anao!" Ka dia nalaiko ny sekely volafotsy telopolo ary napetrako tao amin'ny fitoeran-drakotra tao an-tranon'i Yaveh. [14]Avy eo nopotehiko ny tehiko faharoa, "Fikambanana," mba hamotehana ny firahalahian'i Joda sy Israely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Hoy Yaveh tamiko hoe: "Alaivo ho an'ny tenanao indray ny fitaovan'ny mpiandry ondry adala, [16]fa indro, hametraka mpiandry ondry eo amin'ny tany Aho. Tsy hiraharaha ny ondry maty izy. Tsy hitady ny ondry very izy, na koa hanasitrana ny mandringa. Tsy hamahana ny ondry izay salama izy, fa hihinana ny nofon'ny ondry matavy ary hamiravira ny kitron'ireo.
[17]Loza ho an'ny mpiandry ondry tsy mendrika izay mahafoy ny ondry! Hamely ny sandriny sy ny masony an-kavanana anie ny sabatra! Halazo anie ny sandriny ary ho jamba ny masony ankavanana!"

12 [1]Ity dia fanambarana ny tenin'i Yaveh mahakasika an'Israely—fanambaran'i Yaveh, izay nanandratra ireo habakabaka sy nametraka ny fototry ny tany, izay mamolavola ny fanahin'olombelona ao anatin'ny olona hoe:
[2]"Indro, eo an-dalam-panaovana an'i Jerosalema anaty kapoaka Aho hahatonga ireo vahoaka rehetra manodidina azy hivembena. Dia ho tahaka izany ihany koa ny an'i Joda mandritry ny fahirano an'i Jerosalema. [3]Amin'izany andro izany, hataoko ho vato mavesatra ho an'ny olon-drehetra i Jerosalema. Izay manandrana ny hanainga izany vato izany dia handratra mafy ny tenany, ka hitambatra hanohitra izany tanàna izany ireo firenen'ny tany rehetra.
[4]Amin'izany andro izany—izany no fanambaran'i Yaveh—hamely ny soavaly tsirairay amin'ny horohoro Aho ary ny mpitaingina azy amin'ny fahaverezan-tsaina. Hijery am-pankasitrahana ny taranak'i Joda Aho ary hamely ny soavalin'ireo tafika amin'ny fahajambana. [5]Avy eo ireo mpitarik'i Joda hiteny anakampo hoe: 'Ireo mponin'i Jerosalema no tanjatsika noho i Yaveh tompon'ny maro, Andriamanitr'izy ireo.'
[6]Amin'izany andro izany dia hataoko tahaka ny fatana mirehitra eny amin'ny hazo ary tahaka ny fanilo eny amin'ny amboara ireo mpitarika ny Jod, fa izy ireo no handevona ireo firenena rehetra manodidina eo ankavanany sy eo ankaviany. Hitoetra eo amin'ny toerany indray i Jerosalema."
[7]Hamonjy ireo lain'i Joda i Yaveh, mba tsy ho lehibe noho ny sisa tavela amin'i Joda ny voninahitry ny taranak'i Davida sy ny voninahitr'ireo izay monina ao Jerosalema. [8]Amin'izany andro izany dia ho mpiaro ireo mponin'i Jerosalema i Yaveh, ary amin'izany andro izany ireo izay ketraka amin'izy ireo dia ho tahaka an'i Davida, ary ny taranak'i Davida dia ho tahaka an'Andriamanitra, tahaka ny anjelin'i Yaveh eo anoloan'izy ireo. [9]"Amin'izany andro izany dia hanomboka handringana ireo firenena rehetra izay tonga hanohitra an'i Jerosalema Aho.
[10]Nefa handraraka ny fanahin'ny fangoraham-po sy fitarainana amin'ny taranak'i Davida sy ireo mponin'i Jerosalema Aho, mba hitodihan'izy ireo Amiko, ilay Iray izay nolefonin'izy ireo. Hisaona nohon'ny Amiko, tahaka ny olona misaona nohon'ny amin'ny zanany lahy tokana izy ireo; hisaona ho Azy tahaka ireo izay misaona nohon'ny fahafatesan'ny voalohan-janaka izy ireo. [11]Amin'izany andro izany ny fisaonana ao Jerosalema dia ho tahaka ny fisaonana tao Hadadrimona eo amin'ny lemak'i Megido.
[12]Hisaona ny tany, ny fianakaviambe tsirairay hitokana amin'ireo fianakaviambe hafa. Ny fianakaviamben'ny taranak'i Davida hitokana ary ireo vadin'izy ireo hitokana amin'ireo lehilahy. Ny fianakaviamben'ny taranak'i Natana hitokana ary ireo vadin'izy ireo hitokana amin'ireo lehilahy. [13]Ny fianakaviamben'ny taranak'i Levy hitokana ary ireo vadin'izy ireo hitokana amin'ireo lehilahy. Ny fianakaviamben'ireo Simeita hitokana ary ny vadin'izy ireo hitokana amin'ireo lehilahy.
[14]Ny fianakaviambe tsirairay amin'ireo fianakaviambe tafajanona—ny fianakaviana tsirairay dia samy hitsitokatokana ary ny vadin'izy ireo hitokana amin'ireo lehilahy."

13 [1]"Amin'izany andro izany dia hisy loharano hisokatra ho an'ny ankohonan'i Davida sy ireo mponin'i Jerosalema, nohon'ny fahotan'izy ireo sy ny tsy fahadiovan'izy ireo. [2]Amin'izany andro izany—izany no fanambaran'i Yaveh tompon'ny maro—no hanafoanako ny anaran'ireo sampy amin'ny tany mba tsy ho tsaroana intsony izy ireo. Hampivoaka ireo mpaminany tsy marina sy ny fanahy maloton'izy ireo amin'ny tany ihany koa Aho.
[3]Raha misy olona manohy maminany, dia hiteny aminy ny rainy sy ny reniny izay niteraka azy hoe: 'Tsy ho velona ianao, satria miteny lainga amin'ny anaran'i Yaveh!' Avy eo ny ray sy ny reny izay niteraka azy handefona azy rehefa maminany izy.
[4]Amin'izany andro izany ny mpaminany tsirairay dia ho menatra amin'ny fahitany rehefa eo am-paminaniana izy. Ireo mpaminany ireo dia tsy hanao lamba voloina, mba hamitahana ny olona intsony. [5]Fa ny tsirairay hiteny hoe: 'Tsy mpaminany aho! Lehilahy miasa tany aho, satria ny tany no lasa asako raha mbola tovolahy aho!' [6]Fa hisy olona iray hiteny aminy hoe: 'Inona ireo ratra eo anelanelan'ireo sandrinao ireo?' ary hamaly izy hoe: 'Naratra niaraka tamin'ireo izay tao amin'ny tranon'ireo namako aho.'"
[7]"Ry sabatra! Asandrato amin'ny mpiandry ondriko, ilay lehilahy izay mitsangana eto akaikiko ny tenanao—izany no fanambaran'i Yaveh tompon'ny maro. Veleso ny mpiandry ondry, dia hiparitaka ireo ondry! Fa hamerina ny tanako hanohitra ireo madinika Aho.
[8]Ary manerana ny tany rehetra—izany no fanambaran'i Yaveh—dia hisy roa ampahatelon'izany hofoanana! Ho levona ireo olona ireo; iray ampahatelony ihany no hijanona any. [9]Ho entiko amin'ny afo io ampahatelony io ary ho dioviko tahaka ny manadio volafotsy izy ireo; ho zahako tahaka ny volamena voazaha izy ireo. Hiantso ny anarako izy ireo, ka hamaly azy ireo Aho ary hanao hoe: 'Ity no oloko!' ary hiteny izy ireo hoe: 'Yaveh no Andriamanitro!'"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

14 [1]Indro! Ho tonga ny andron'i Yaveh rehefa hozaraina eo afovoanareo ny babonareo. [2]Fa hangoniko hanohitra an'i Jerosalema amin'ny ady ny firenena rehetra ka ho voababo ny tanàna. Ireo trano dia ho voababo ary ny vehivavy ho voaholana. Ny antsasaky ny tanàna dia ho voababo, fa ny sisa tavela amin'ireo olona dia tsy ho esorina eo amin'ny tanàna.
[3]Fa i Yaveh dia hivoaka ary hiady amin'ireo firenena tahaka Azy rehefa miady amin'ny andron'ny ady. [4]Amin'izany andro izany ny tongony dia hitsangana eo ambonin'ny Tendrombohitr'i Oliva, izay eo akaikin'i Jerosalema any atsinanana. Ny Tendrombohitr'i Oliva dia hitresaka roa ary ho sarahan'ny lohasaha lehibe ary ny antsasaky ny tendrombohitra dia hiverina manoloana ny avaratra ary ny antsasany manoloana ny atsimo.
[5]Avy eo ianao handositra hidina ny lohasaha eo anelanelan'ireo tendrombohitr'i Yaveh, fa ny lohasaha eo anelanelan'ireo tendrombohitra dia hipaka hatrany Azela. Handositra tahaka ny nandosiranao tamin'ny horohoron-tany tamin'ireo andron'i Ozia, mpanjakan'i Joda ianao. Dia ho tonga i Yaveh Andriamanitro ary hiaraka Aminy avokoa ireo olomasina rehetra.
[6]Amin'izany andro izany dia tsy hisy hazavana, fa tsy hisy na hatsiaka na fanala. [7]Amin'izany andro izany, andro izay Yaveh irery ihany no mahafantatra, dia tsy hisy andro na alina intsony, fa ny hariva dia ho lasa fotoan'ny hazavana.
[8]Amin'izany andro izany ny rano velona dia hikoriana hivoaka an'i Jerosalema. Ny antsasak'ireo dia hikoriana amin'ny ranomasina atsinanana ary ny antsasany amin'ny ranomasina andrefana, amin'ny fahavaratra sy amin'ny ririnina.
[9]Ho mpanjaka amin'ny tany rehetra i Yaveh. Amin'izany andro izany dia hisy Yaveh, Ilay Andriamanitra tokana, ary ny anarany irery ihany. [10]Ny tany rehetra dia ho tahaka an'i Araba, manomboka ao Geba ka hatrany Rimona atsimon'i Jerosalema. Ho hasandatra hatrany i Jerosalema ary hipetraka amin'ny toerany manokana, hatrany amin'ny Vavahadin'i Benjamina ka hatrany amin'ny toerana izay nisy ny vavahady voalohany, hatrany amin'ny Vavahady an-jorony, ary hatrany amin'ny Tilikambon'i Hananela ka hatrany amin'ireo famiazam-boaloboky ny mpanjaka. [11]Ny vahoaka dia hipetraka any Jerosalema ary tsy hisy faharavana tanteraka avy amin'Andriamanitra hanohitra azy ireo intsony. Hiaina tsy amin'ahiahy i Jerosalema.
[12]Izao no ho loza izay hamelezan'i Yaveh an'ireo vahoaka rehetra niady nanohitra an'i Jerosalema: ny nofon'izy ireo dia ho lo na dia mitsangana amin'ny tongony aza izy ireo. Ny mason'izy ireo dia ho lo ao amin'ny faladian'izy ireo ary ny lelan'izy ireo ho lo ao am-bavan'izy ireo. [13]Amin'izany andro izany ny tahotra lehibe avy amin'i Yaveh dia ho tonga amin'izy ireo. Ny tsirairay dia hihazona ny tanan'ny hafa, ary ny tanan'ny iray dia hisandratra hamely ny tanan'ny iray hafa.
[14]Joda ihany koa dia hiady hanohitra an'i Jerosalema. Hanangona ny haren'ireo firenena manodidina rehetra izy ireo—volamena, volafotsy, ary fitafiana tsara maro be. [15]Ny loza ihany koa dia ho amin'ireo soavaly sy ireo ampondra, ireo rameva sy ireo boriky, ary ireo biby rehetra ao amin'ireo toby ireo ihany koa dia hijaly amin'izany loza izany ihany.
[16]Ary izao no hiseho, izay rehetra tavela ao amin'ireo firenena izay tonga manohitra an'i Jerosalema dia hiakatra isan-taona kosa mba hidera ny mpanjaka, dia i Yaveh tompon'ny maro, ary hitandrina ny Firavoravoan'ny Fialofana. [17]Raha tsy mandeha miakatra ho any Jerosalema mba hidera an'ilay mpanjaka, dia i Yaveh tompon'ny maro, ny olona avy amin'ireo firenena rehetran'ny tany, dia tsy hitondra orana amin'izy ireo i Yaveh. [18]Raha tsy miakatra ny firenen'i Egypta, dia tsy hahazo orana izy ireo. Hisy areti-mandringana avy amin'i Yaveh izay hamely ireo firenena izay tsy hiakatra mba hitàna ny Firavoravoan'ny Fialofana.
[19]Izany no ho famaizana ho an'i Egypta ary famaizana ho an'ny firenena rehetra izay tsy miakatra mba hitàna ny Firavoravoan'ny Fialofana.
[20]Fa amin'izany andro izany, ny lakolosin'ireo soavaly dia hiteny hoe: "Atokany ho an'i Yaveh," ary ireo koveta ao amin'ny tranon'i Yaveh dia ho tahaka ny lovia boribory eo anatrehan'ny alitara. [21]Fa ny vilany tanimanga rehetra ao Jerosalema sy Joda dia ho atokana ho an'i Yaveh tompon'ny maro ary izay rehetra mitondra sorona dia hihinana amin'ireo ary hampangotraka ao anatin'ireo. Amin'izany andro izany ireo mpivarotra dia tsy ho ao an-tranon'i Yaveh tompon'ny maro intsony.

Malakia

1 [1]Ny fanambarana ny tenin'i Yaveh tamin'Israely tamin'ny alalan'ny tanan'i Malakia. [2]"Efa nitia anareo Aho," hoy Yaveh. Saingy hoy ianareo hoe: "Ahoana no nitiavanao anay?" "Tsy rahalahin'i Jakoba ve i Esao?" hoy nambaran'i Yaveh. "Jakoba no efa tiako, [3]fa Esao efa nankahalaiko. Ny tendrombohiny dia efa nataoko lao, ary efa nataoko ho toerana ho an'ireo ambodia avy any an'efitra ny lovany.
[4]Raha milaza i Edoma hoe: "Nolavoina izahay, kanefa hamerina hanangana ny rava izahay," dia hilaza i Yaveh Tompon'ny maro hoe: "Mety hanangana izy ireo, saingy ho ravaiko indray. Ireo hafa dia hiantso azy ireo hoe: 'Tanànan'ny faharatsiana' sy hoe: 'Ireo vahoaka izay nozonin'i Yaveh mandrakizay.' [5]Hahita izany ny masonareo, ary hiteny ianareo hoe: 'Yaveh dia lehibe mihoatra ireo faritanin'Israely.'"
[6]"Toy ny zanaka lahy manome voninahitra ny rainy, sy ny mpanompo manome voninahitra ny tompony. Raha ray Aho, aiza ny voninahitro? Raha tompo Aho, aiza ny fanehoana fanajana Ahy?" hoy Yaveh Tompon'ny maro tamin'ireo mpisorona, izay nanao tsinontsinona ny anarako. "Saingy hoy ianareo hoe: 'Ahoana no nanaovanay tsinontsinona ny anaranao?' [7]Tamin'ny fanolorana mofo voaloto eo amin'ny alitarako. Saingy hoy ianareo hoe: 'Ahoana no nandotoanay Anao?' Tamin'ny filazana fa tsy misy dikany ny latabatr'i Yaveh.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Rehefa manolotra biby jamba ho atao sorona ianareo, moa tsy ratsy ve izany? Rehefa manolotra ny kilemaina sy marary ianareo, moa tsy ratsy ve izany?" Asehoy any amin'ny governoranareo izany! Handray anareo ve izy na hampitraka ny tavanareo?" hoy Yaveh Tompon'ny maro. [9]Ankehitriny ianareo dia mbola manontany ny endrik'Andriamanitra, mba hamindrany fo antsika. Fa Yaveh Tompon'ny maro nilaza fa amin'ny fanatitra toy izany eny an-tananareo, moa hampitraka ny tarehinareo ve Izy?
[10]"Raha mba nisy iray taminareo mantsy nanakatona ny vavahadin'ny tempoly, mba tsy ho zava-poana ny andrehetanareo afo eo amin'ny alitarako! Tsy mankasitraka anareo Aho," hoy Yaveh Tompon'ny maro: "ary tsy handray fanatitra avy amin'ny tananareo Aho. [11]Fa ny anarako dia ho lehibe eo amin'ireo firenena ary isaky ny toerana rehetra manomboka amin'ny fiposahan'ny masoandro mandra-piletiny ary ditin-kazo manitra sy fanatitra madio no hatolotra amin'ny anarako. Fa ny anarako dia lehibe eo amin'ireo firenena." hoy Yaveh Tompon'ny maro. [12]"Fa maniratsira izany ianareo rehefa milaza fa maloto ny latabatry ny Tompo, ary ireo vokany, ireo sakafony, dia ho atao tsinontsinona.
[13]Hoy koa ianareo hoe: 'Mandreraka koa izy izany,' dia niherona tamin'izany ianareo," hoy i Yaveh Tompon'ny maro. "Nitondra izay nesorina tamin'ny bibi-dia ianareo na kilemaina na marary; ary nentinareo ho fanatitrareo izany. Tokony handray izany avy eny an-tananareo ve Aho?" hoy Yaveh. [14]"Aoka hozonina ny mpamitaka izay manana ondry lahy ao amin'ny ondriny sy mivoady hanome Ahy izany, ary mbola manome sorona izay misy kilema Ahy, Tompo! Fa Izaho dia mpanjaka lehibe," hoy Yaveh Tompon'ny maro," ary ny Anarako dia homen-boninahitra eo amin'ireo firenena."

2 [1]Ary ianareo mpisorona, ho anareo ity didy ity. [2]"Raha tsy hihaino ianareo, ary raha tsy hametraka izany ao am-ponareo mba hamomezana voninahitra ny anarako ianareo," hoy Yaveh Tompon'ny maro, "dia handefa hozona aminareo Aho, ary hanozona ny fahasoavanareo Aho. Eny tokoa, efa nanozona azy ireo Aho, satria tsy nataonareo tao am-ponareo ny didiko.
[3]Indro, hiteny mafy ny taranakareo Aho, ary hanaparitaka zezika eny amin'ny tavanareo Aho, zezika avy amin'ny firavoravonareo, ary hanaisotra anareo hiaraka amin'izany Izy. [1] [2] [4]Dia ho fantatrareo fa efa nandefa io didy io taminareo Aho, ary ny fifanekeko dia hitohy amin'ireo Levi," hoy Yaveh Tompon'ny maro.
[5]Ny fifanekeko taminy dia fiainana sy fiadanana, ary nomeko azy ireo izy; nomeko tahotra izy, ary natahotra Ahy izy, ary nijoro tamin'ny tahotry ny anarako izy. [6]Fampianarana marina no tao am-bavany, ary tsy nisy diso teo amin'ny molony. Niaraka tamim-piadanana sy tamim-pahamarinana tamiko izy ary niamboho tamin'ny fomba maro tamin'ny ota. [7]Fa ny molotry ny mpisorona dia tokony hanam-pahalalana ary ny vahoaka dia tokony hitady fampianarana avy any am-bavany, satria mpitondra hafatr'i Yaveh Tompon'ny maro izy.
[8]Fa ianareo dia niala tamin'ny lalana marina. Nahatonga ny maro ho tafintohina amin'ny fanajana ny lalàna ianareo. Nandika ny fanekem-pihavanan'i Levy ianareo," hoy Yaveh Tompon'ny maro. [9]"Noho izany Izaho ihany koa, dia efa nanao anareo ho tsinontsinona sy ratsy teo anoloan'ny vahoaka rehetra, satria tsy nitandrina ny lalako ianareo, fa kosa nampiseho fanavakavahana tamin'ny fampianarana."
[10]Tsy ray tokana ihany ve no antsika rehetra? Tsy Andriamanitra tokana ihany ve no nahary antsika? Nahoana isika olona tsirairay avy no kely finoana amin'ny rahalahiny, maniratsira ny faneken'ireo razambentsika? [11]Joda dia kely finoana. Zavatra maharikoriko no nisy tao Israely sy tao Jerosalema. Fa naniratsira ny fitoerana masin'i Yaveh izay tiany i Joda, ka nanambady ny zanaka vavin'andriamani-kafa. [12]Aoka Yaveh hanala ireo lain'i Jakoba ilay lehilahy izay nanao izany, ilay nifoha sy ilay namaly, na dia nitondra fanatitra ho an'i Yaveh Tompon'ny maro aza izy. [3]
[13]Ataovinareo ihany koa izao: Rakofanareo amin'ny ranomaso ny alitaran'i Yaveh, amin'ny fitomanina sy fisentoana, satria izy dia tsy mbola mitodika amin'ilay fanatitra na mandray izany amim-pankasitrahana avy eny an-tananareo.
[14]Fa hoy ianareo hoe: "Nahoana Izy no tsy manao an'izany?" Satria Yaveh dia vavolombelona teo aminareo sy ny vady tamin'ny fahatanoranareo, tamin'izay naha kely finoana anareo, na dia mpiara-dia aminareo sy vadinareo tamin'ny alalan'ny fifanekena aza izy. [15]Tsy natambany ho iray ve izy ireo, miaraka amin'ny silaky ny fanahiny? Koa nahoana ianareo no nataony ho iray? Satria izy dia nitady taranaka avy amin'Andriamanitra. Koa ambeno ao amin'ny fanahinareo ny tenanareo, ary aza tsy mahatoky ny vadin'ny fahatanoranareo. [16]"Fa mankahala ny fisarahana Aho," hoy Yaveh, Andriamanitr'Israely, "ary ilay manarona ny fitafiany amin'ny herisetra," hoy Yaveh Tompon'ny maro. "Koa ambeno ao amin'ny fanahinareo ny tenanareo ary aza kely finoana."
[17]Nandreraka an'i Yaveh tamin'ny teninareo ianareo. Fa hoy ianareo hoe: "Ahoana no nandrerahanay Azy?" Tamin'ny fitenenana hoe: "Izay rehetra manao ratsy dia tsara eo imason'i Yaveh, ary mankasitraka azy ireo Izy," na hoe: "Aiza ny Andriamanitry ny fahamarinana?"

---

[1] Fanamarihana: Raha tokony ho: "hiteny mafy ny taranakareo Aho" izay ao amin'ny lahatsoratra Hebreo, dia misy amin'ireo dikan-teny taloha sy vaovao manao hoe "Hanapaka ny sorokareo" (na "sandry"). Ny sasany amin'ireo dikan-teny amin'izao fotoana manao hoe "Hamotika ny taranakareo".
[2] Fanamarihana: Raha tokony hoe: "hanaisotra anareo hiaraka amin'izany Izy", izay ao amin'ny lahatsoratra Hebreo, dia misy amin'ireo dikan-teny taloha sy vaovao manao hoe: "Hanaisotra anareo tsy ho eo anilako Aho", izany hoe: "eo amin'ny fanatrehako".
[3] Fanamarihana: Raha tokony hoe: "ilay nifoha, sy ilay namaly", dia misy amin'ireo dikan-teny sasany manana fomba fiteny toy ny hoe: "Ny tompo sy ilay nianatra".

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

3 [1]"Indro, efa mby handefa ny irako Aho, ary izy dia hanomana ny lalana eo anoloako. Ka dia ho avy tampoka ao amin'ny tempoliny ny Tompo izay tadiavinareo. Ilay iraky ny fanekena izay hankasitrahanareo, indro, ho avy izy," hoy Yaveh Tompon'ny maro. [2]Fa iza moa no hahavita hiaritra ny andro hahatongavany? Iza no hahavita hijoro rehefa hiseho Izy? Fa Izy dia ho tahaka ny afon'ny mpandrendrika sy savony fanasam-damba. [3]Hipetraka toy ny mpandrendrika sy mpanadio volafotsy Izy, ary hanadio ireo zanaka lahin'i Levy. Handrendrika azy ireo toy ny volamena sy volafotsy Izy, ary hitondra fanatitry ny fahamarinana ho an'i Yaveh izy ireo.
[4]Ary ny fanatitr'i Joda sy Jerosalema dia ho hankasitrahan'i Yaveh, tahaka ny andro fahiny, sy tahaka ny taona taloha. [5]Dia ho avy Aho hitsara anareo. Vetivety Aho dia ho tonga vavolombelona hanohitra ireo mpisikidy, mpijangajanga, vavolombelona sandoka, ary hanohitra izay mampahory ny mpiasa amin'ny karamany, ireo izay mampijaly ny mpitondratena sy ireo kamboty, hanohitra izay nandà ny vahiny, ary hanohitra ireo izay tsy manome voninahitra Ahy," hoy Yaveh Tompon'ny maro.
[6]"Fa Izaho, Yaveh, dia mbola tsy niova; noho izany ianareo, ry zanaka lahin'i Jakoba, dia tsy ho tratra farany. [7]Hatramin'ny andron'ireo razambenareo dia nandà ny didiko ianareo ary tsy nitandrina izany. Miverena amiko, dia hiverina aminareo Aho," hoy Yaveh Tompon'ny maro. "Fa hoy kosa ianareo hoe: 'Amin'ny fomba ahoana no hiverenanay?'
[8]Misy olona handroba an'Andriamanitra ve? Saingy mandroba Ahy ianareo. Fa hoy ianareo hoe: 'Tamin'ny fomba ahoana no nandrobanay anao? Tamin'ireo ampahafolon-karena sy ireo fanatitra. [9]Ianareo dia voaozona, satria nandroba Ahy, ry firenena manontolo.
[10]Ento ao amin'ny trano fitehirizana ny ampahafolon-karena feno, mba hisy sakafo ao amin'ny tranoko, ary tsapao amin'izao Aho," hoy Yaveh Tompon'ny maro, "raha tsy manokatra ny varavaran'ny lanitra aminareo Aho ary mandraraka fahasoavana eo aminareo, mandra-paha tsy misy efitra ho amin'izany rehetra izany intsony. [11]Hiteny manohitra izay manimba ny masom-bolinareo Aho, mba tsy hanimban'izy ireo ny vokatry ny taninareo. Ireo voalobokareo eny an-tsaha dia ho vanona," hoy Yaveh Tompon'ny maro. [12]"Ny firenena rehetra dia hiantso anareo hoe sambatra, satria ho tany mahafinaritra ianareo," hoy Yaveh Tompon'ny maro.
[13]"Nahery tamiko ny teninareo," hoy Yaveh. "Saingy hoy ianareo hoe: 'Inona no nifampilazanay manohitra Anao?' [14]Hoy ianareo hoe: 'Tsy ilaina ny manompo an'Andriamanitra. Inona ny tombontsoantsika raha nitandrina ireo fangatahiny isika na nandeha tam-pisaonana teo anatrehan'i Yaveh Tompon'ny maro? [15]Koa ankehitriny isika miantso ny mpirehareha hoe sambatra. Tsy mahomby fotsiny ireo mpanao ratsy, fa mitsapa an'Andriamanitra ary mitsoaka mihintsy.'"
[16]Avy eo dia nifampiresaka ireo izay natahotra an'i Yaveh. Nifantoka tsara Yaveh ary nihaino, ary nosoratana teo anoloany ny boky fahatsiarovana momban'ireo izay natahotra an'i Yaveh sy nanome voninahitra ny anarany.
[17]"Ho Ahy izy ireo" hoy Yaveh Tompon'ny maro, "fananako sarobidy, amin'ny andro izay hiasako. Hiantra azy ireo Aho, tahaka ny olona iray miantra ny zanany lahy izay manompo azy. [18]Dia hanavaka ny olo-marina sy ny ratsy fanahy indray ianareo, eo amin'izay manompo an'Andriamanitra sy izay tsy manompo Azy.

4 [1]Fa indro, ho avy ny andro, mandoro toy ny fatana, rehefa lasa mololo ireo mpirehareha sy mpanao ratsy rehetra. Ho avy ny andro handoro azy ireo, "hoy Yaveh Tompon'ny maro, "ka hamela izany ho tsy hisy faka sy rantsany izany. [2]Fa ho anareo izay matahotra ny anarako, ny masoandron'ny fahamarinana dia hiposaka miaraka amin'ny fanasitranana eny amin'ireo elany. Hivoaka ianareo, ary hitsambikina toy ny zanak'omby avy ao amin'ny fihinanam-bilona. [3]Amin'izany andro izany dia hanitsakitsaka ny ratsy ianareo, satria ho lavenona ambanin'ny faladian-tongotrareo izy ireo amin'ny andro izay hiasako," hoy Yaveh Tompon'ny maro.
[4]Tadidio ny fampianaran'i Mosesy mpanompoko izay nomeko azy tany Horeba ho an'Israely rehetra, ireo didy sy fitsipika.
[5]Indro, haniraka an'i Elia mpaminany Aho mialohan'ny fiavian'ilay andro lehibe sy mampitahotr'i Yaveh. [6]Hamerina ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka Izy, ary ny fon'ny zanaka ho amin'ireo rainy, mba tsy hiaviko ka hamelezako ny tany amin'ny faharavana tanteraka."

Matio

1 [1]Ny Bokin'ny razan'i Jesosy Kristy zanak'i Davida zanak'i Abrahama. [2]Abrahama no rain'Isaka, ary Isaka no rain'i Jakoba, ary Jakoba no rain'i Joda sy ireo rahalahiny. [3]Joda no rain'i Fareza sy Zara avy tamin'ny Tamara, Fareza no rain'i Herzona, ary Herzona no rain'i Rama.
[4]Rama no rain'i Aminadaba, ary Aminadaba no rain'i Nasona, ary Nasona no rain'i Salmona. Salmona no rain'i Boaza tamin'ny[5]Rahaba, Boaza no rain'i Obeda tamin'ny Rota, Obeda no rain'i Jese.[6]Ary Jese no rain'i Davida mpanjaka, Davida no rain'i Solomona tamin'ny alalan'ny vadin'ny Oria.
[7]Solomona no rain'i Rehoboama, Rehoboama no rain'i Abia, ary Abia no rain'i Asa. [8]Asa no rain'i Jaosafata, ary Jaosafata no rain'i Jorama, ary Jorama no razan'i Ozia.
[9]Ozia no rain'i Jotama, Jotama no rain'i Ahaza, Ahaza no rain'i Hezekia. [10]Hezekia no rain'i Manase, Manase no rain'i Amona, ary Amona no rain'i Josia. [11]Josia no razan'i Jekonia sy ireo rahalahiny tamin'ny fotoanan'ny fandroahana ho any Babylona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Taorian'ny fandroahana ho any Babylona, dia Jekonia no rain'i Sealtiela, ary Sealtiela no razan'i Zerobabela.
[13]Zerobabela no rain'i Abihoda, Abihoda no rain'i Eliakima, ary Eliakima no rain'i Azora. [14]Azora no rain'i Zadoka, Zadoka no rain'i Akima, ary Akima no rain'i Elihoda.
[15]Elihoda no rain'i Eliazara, Eliazara no rain'i Matana, ary Matana no rain'i Jakoba. [16]Jakoba no rain'i Josefa izay vadin'i Maria, ilay niteraka an'i Jesosy, izay nantsoina hoe Kristy. [17]Ny taranaka rehetra manomboka amin'i Abrahama ka hatrany amin'i Davida dia taranaka efatra ambin'ny folo, manomboka amin'i Davida ka hatrany amin'ny fandroahana ho any Babylona dia taranaka efatra ambin'ny folo, ary manomboka amin'ny fandroahana ho any Babylona ka hatrany amin'i Kristy dia taranaka efatra ambin'ny folo.
[18]Tahaka izao no nitrangan'ny fahaterahan'i Jesosy Kristy. Ny reniny, Maria, dia efa natokana hanambady an'i Josefa, saingy talohan'ny niarahan'izy ireo, dia hita fa nitoe-jaza izy avy tamin'ny Fanahy Masina. [19]Josefa, vadiny, dia lehilahy marina, no sady tsy ta-hanala baraka azy ampahibemaso. Ka nanapa-kevitra izy ny hamarana mangingina ny fifanekeny taminy.
[20]Ary raha izy mbola nieritreritra mahakasika ireo zavatra ireo iny, dia niseho taminy tamin'ny nofy ny anjelin'ny Tompo, manao hoe: "Josefa, zanaka lahin'i Davida, aza matahotra ny haka an'i Maria ho vadinao, satria ilay iray izay notorontoronina ao anatiny dia ny Fanahy Masina no nampitoetra azy. [21]Hiteraka zaza lahy izy, ary ianao hiantso ny anarany hoe Jesosy, fa izy no hamonjy ny olony hiala amin'ny fahotan'izy ireo."
[22]Izany rehetra izany dia nitranga mba hahatanteraka izay nambaran'nyTompo tamin'ny alalan'ilay mpaminany, manao hoe: [23]"Indro, ny virjiny hitoe-jaza ka hiteraka zazalahy, ary izy ireo hiantso ny anarany hoe Imanoela" _izay midika hoe: "Amintsika Andriamanitra."
[24]Nifoha tamin'ny torimasony Josefa ary nanao arak'izay nandidian'ny anjelin'ny Tompo azy ary naka azy ho vadiny.
[25]Saingy tsy niray taminy izy mandram-piterany zazalahy. Ary nantsoiny hoe Jesosy ny anarany.

2 [1]Taorian'ny nahaterahan'i Jesosy tao Betleheman'i Jodia tamin'ny andron'i Heroda mpanjaka, dia tonga tao Jerosalema ireo lehilahy manam-pahalalana avy any atsinana niteny hoe: [2]"Aiza Izy izay teraka ho Mpanjakan'ny Jiosy? Nahita ny kintany avy eny atsinanana izahay ary tonga mba hidera azy." [3]Rehefa nandre izany i Heroda mpanjaka, dia nihorohoro izy, sy i Jerosalema manontolo niaraka taminy.
[4]Nentin'i Heroda niaraka ny lohan'ny mpisorona rehetra sy ny mpanora-dalànan'ny olona, ary nanontany azy ireo izy hoe: "Aiza no hahaterahan'i Kristy?" [5]Niteny taminy izy ireo hoe: "Ao Betleheman'i Jodia, fa izao no voasoratry ny mpaminany hoe: [6]'Fa ianao, Betlehema, any amin'ny tanin'ny Joda, dia tsy kely indrindra amin'ireo mpitondran'i Joda, fa avy aminao no hatongavan'ny mpanapaka izay hiandry ny oloko Israely."
[7]Ary niantso mangingina ireo lehilahy manam-pahalalana i Heroda mba hanontany azy ireo mazava tsara ny fotoana nipoiran'ilay kintana. [8]Nalefany tany Betlehema izy ireo, manao hoe: "Mandehana ary fotory tsara ny amin'ilay zaza. Rehefa hitanareo izy, dia ampilazao aho, mba afahako mankany ihany koa ka hidera azy."
[9]Taorian'ny nandrenesan'izy ireo ny mpanjaka, dia nandeha tamin'ny lalany izy ireo, ary ny kintana izay hitan'izy ireo teny atsinanana no nialoha azy ireo mandra-pijanony teo ambonin'ny toerana nisy ilay zaza. [10]Rehefa nahita ny kintana izy ireo, dia niravo tamim-pifaliam-be.
[11]Niditra tao amin'ilay trano izy ireo ary nahita ny zaza niaraka tamin'i Maria reniny. Niankohoka sy nidera azy izy ireo. Nanokatra ny fitoeran-kareny izy ireo ary nanolotra fanomezana volamena, dintin-kazo manitra, ary miora ho azy.
[12]Nampitandrina azy ireo tamin'ny nofy Andriamanitra mba tsy hiverina any amin'i Heroda, ka lalana hafa no nandehanan'izy ireo namonjy ny fireneny avy.
[13]Rehefa lasa izy ireo, dia nisy anjelin'ny Tompo niseho tamin'i Josefa tamin'ny alalan'ny nofy ary niteny hoe: "Miarena, ento ny zaza sy ny reniny, ary mandosira any Egypta. Mitoera any mandra-pilazako aminao, fa i Heroda dia mitady ilay zaza mba hamonoana azy." [14]Ny alin'iny Josefa dia nifoha ary nitondra ny zaza sy ny reniny ka nankany Egypta. Nitoetra tany izy mandra-pahafatin'i Heroda. [15]Izany dia nanatanteraka izay nambaran'ny Tompo tamin'ny alalan'ny mpaminany hoe: "Nantsoiko hiala tany Egypta ny zanako."
[16]Avy eo Heroda, rehefa nahita fa voafitak'ireo lehilahy manam-pahalalana, dia tezitra mafy. Naniraka sy nampamono ny zazalahy rehetra roa taona no midina izay tao Betlehema sy tao amin'iny faritra rehetra iny izy, araka ny fotoana izay nofotorany mazava tamin'ireo lehilahy manam-pahalalana.
[17]Avy eo dia tanteraka ny teny izay nolazaina tamin'ny alalan'i Jeremia mpaminany hoe: [18]"Nisy feo re tao Rama, fitomaniana sy fisaonam-be, mitomany nohon'ny amin'ny zanany i Rahely, ary tsy nanaiky ny ho ampanginina izy, satria efa lasana izy ireo."
[19]Rehefa maty i Heroda, indro, nisy anjelin'ny Tompo niseho tamin'i Josefa tany Egypta tamin'ny nofy ary niteny hoe: [20]"Mifohaza ary ento ny zaza sy ny reniny ka mandehana any amin'ny tanin' Isiraely, fa efa maty ireo izay nifofo ny ain'ny zaza." [21]Nifoha Josefa, nentiny ny zaza sy ny reniny, ary nandeha tany amin'ny tanin'Isiraely.
[22]Fa rehefa reny fa i Arkelaosy no nanjaka tany Jodia nandimby an'i Heroda rainy, dia natahotra ny ho any izy. Taorian'ny nampitandreman' Andriamanitra azy tamin'ny nofy, dia niala nankany amin'ny faritr'i Galilia izy [23]ka nandeha ary nitoetra tao amin'ny tanàna antsoina hoe Nazareta. Izany dia nahatanteraka izay voalaza tamin'ny alalan'ireo mpaminany hoe: "Nazarena no hiantsoana azy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

3 [1]Tamin'izany andro izany dia nandeha nitory tany an'efitr'i Jodia i Jaona mpanao Batisa manao hoe: [2]"Mibebaha, fa efa
akaiky ny fanjakan'ny lanitra." [3]Fa izy no ilay nolazain'Isaia mpaminany, manao hoe: "Misy feo iray miantso mafy any
an'efitra hoe: 'Amboary ny lalan'ny Tompo, ahitsio ny lalany.'"
[4]Ary Jaona nitafy volon-drameva sy nanao fehikibo hoditra tamin'ny valahany. Valala sy tantely remby no nataony
fihinana. [5]Ary Jerosalema, Jodia manontolo, sy ny faritra rehetra manodidina ny reniranon'i Jordana dia nanatona azy.
[6]Nataony batisa teny amin'ny reniranon'i Jordana izy ireo, rehefa niaiky ny fahotany.
[7]Fa nony nahita ireo Fariseo sy Sadoseo maro nanatona azy mba ho atao batisa izy, dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Ry
taranaka menarana feno poizina, iza no nampitandrina anareo hitsoaka ny fahatezerana izay ho avy? [8]Mamoaza voa
miendrika ny fibebahana. [9]Ary aza misaina ny hilaza anankam-po hoe: 'Manana an'i Abrahama ho rainay izahay.' Fa
lazaiko aminareo fa Andriamanitra dia mahavita manangana zanaka ho an'i Abrahama na dia avy amin'ireto vato ireto
aza.
[10]Ary efa napetraka eo am-pototrin'ny hazo ny famaky. Koa ireo hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia ho kapaina ary
hatsipy any anaty afo. [11]Manao batisa anareo amin'ny rano ho amin'ny fibebahana aho. Fa mahery noho izaho izy izay
tonga aoriako, ary izaho dia tsy mendrika akory na dia ny hitondra ny kapany aza. Hanao Batisa anareo amin'ny Fanahy
Masina sy ny afo Izy. [12]Efa eny an-tanany ny fikororohany mba hanadiovana ny famoloany ary hanangonana ny variny
any an-tsompitra. Fa izy dia handoro ireo akofa amin'ny afo izay tsy mety maty."
[13]Avy eo Jesosy avy tany Galilia ka tonga teo amin'ny reniranon'i Jordana mba ho ataon'i Jaona batisa. [14]Nefa i Jaona dia
niezaka nanakana azy, manao hoe: "Izaho no mila ataonao batisa, nefa ianao indray va no manatona ahy?" [15]Jesosy
namaly ary niteny taminy hoe: "Ekeo izany ankehitriny, fa izao no mety amintsika hahatanteraka ny fahamarinana
rehetra." Avy eo Jaona nanaiky azy.
[16]Nony vita batisa Izy, dia nivoaka ny rano avy hatrany Jesosy, ary indro, nisokatra taminy ny lanitra. Hitany ny
Fanahin'Andriamanitra nidina toy ny voromailala ary nankeo amboniny. [17]Ary indro, nisy feo avy any an-danitra nanao
hoe: "Ity no Zanako malalako. Izay sitrako indrindra."

4 [1]Avy eo Jesosy notarihan'ny Fanahy ho any an'efitra mba halain'ny devoly fanahy. [2]Rehefa avy nifady hanina efapolo
andro sy efapolo alina izy, dia noana. [3]Nanatona ny mpaka fanahy ka niteny taminy hoe: "Raha Zanak'Andriamanitra
Ianao, dia teneno ho tonga mofo ireto vato ireto." [4]Fa Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: "Voasoratra hoe: 'Tsy ny mofo
ihany no hiveloman'ny olona fa izay teny rehetra aloaky ny vavan'Andriamanitra.'"
[5]Avy eo ny devoly nitondra azy tany amin'ny tanàna masina ka nametraka azy teo amin'ny faratampon'ny tempoly, [6]ary
niteny taminy hoe: "Raha Zanak'Andriamanitra ianao, dia mianjerà any ambany any, fa voasoratra hoe: 'Izy handidy ireo
anjeliny hiahy anao' sy 'hanandratra Anao eo amin'ny tanan'izy ireo, ka tsy ho tafintohina amin'ny vato ny tongotrao.'"
[7]Jesosy niteny taminy hoe: "Dia mbola voasoratra indray hoe: 'Tsy tokony hitsapa ny Tompo Andriamanitrao Ianao.'"
[8]Noentin'ny devoly hankany amin'ny toerana avo indray Izy ary nampiseho azy ny fanjakana rehetra amin'izao tontolo
izao sy ny hatsaran'ireo. [9]Hoy izy taminy hoe: "Ireo rehetra ireo dia homeko anao, raha toa ka miankohoka eto
anatrehako sy midera ahy ianao."
[10]Avy eo Jesosy niteny taminy hoe: "Mialà eto ianao, ry Satana! Fa efa voasoratra hoe: 'Ianao dia hidera ny Tompo
Andriamanitrao, ary izy irery ihany no ho tompoinao.'" [11]Avy eo nandao Azy ny devoly, ary indreo, nisy anjely tonga ka
nanompo Azy.
[12]Ary nony ren'i Jesosy fa voasambotra Jaona, dia niverina nakany Galilia izy. [13]Nandao an'i Nazareta izy ka nandeha ary
nonina tao Kapernaomy, izay eo amoron-dranomasin'ny Galilia, ao amin'ny zara-tanin'i Zebolona sy Naftaly.
[14]Izany no nitranga mba hahatanteraka izay nambaran'Isaia mpaminany hoe: [15]"Ny tanin'i Zebolona sy ny tanin'i Naftaly,
mankany amin'ny ranomasina, any an-dafin'i Jordana, Galilia an'ireo Jentilisa! [16]Ireo olona nipetraka tamin'ny maizina
dia nahita fahazavana lehibe, ary ireo izay nipetraka tamin'ny faritra sy ny aloky ny fahafatesana, dia teo amin'izy ireo
no niposahan'ny fahazavana."
[17]Ary tamin'izany fotoana izany Jesosy dia nanomboka nitory teny sy nilaza hoe: "Mibebaha, fa efa akaiky ny fanjakan'ny
lanitra."
[18]Raha nandeha teny amoron'ny Ranomasin'i Galilia Izy, dia nahita mpirahalahy roa, Simona izay nantsoina hoe Petera,
ary Andrea rahalahiny, nanipy ny haratony teny amin'ny ranomasina, fa mpanarato izy ireo. [19]Hoy Jesosy tamin'izy ireo
hoe: "Andeha, hanaraka Ahy, fa hataoko mpanarato olona ianareo." [20]Teo no eo ihany dia nandao ireo harato izy ireo ka
nanaraka Azy.
[21]Ary raha mbola nandroso Jesosy dia nahita mpirahalahy roa hafa, Jakoba zanak'i Zebedio, sy Jaona rahalahiny.
Nanamboatra ny haratony tao an-tsambo izy ireo niaraka tamin'i Zebedio rain'izy ireo. Niantso azy ireo Izy, [22]ka teo no eo
ihany dia nandao ny sambokeliny sy ny rainy izy ireo ka nanaraka Azy.
[23]Nandeha eran'i Galilia Jesosy, nampianatra tao amin'ny synagogan'izy ireo, nitory ny filazantsaran'ny fanjakana, ary
nanasitrana ireo karazan'aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra teo amin'ny olona. [24]Niely eran'i Syria ny vaovao
mahakasika Azy, ka dia nentin'ny olona teo Aminy ireo izay marary rehetra, mararin'ny karazan'aretina sy fangirifiriana,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ireo demoniaka, sy izay mararin'ny androbe sy mararin'ny paralysisa. Nositranin'i Jesosy izy ireny. [25]Vahoaka maro avy tany Galilia, Dekapolisy, Jerosalema, Jodia ary ny avy any an-dafin'i Jordana no nanaraka Azy.

5 [1]Rehefa nahita ireo vahoaka Jesosy, dia niakatra teo an-tendrombohitra. Rehefa tafapetraka Izy, dia nanatona Azy ireo mpianany. [2]Nanokatra ny vavany Izy ary nampianatra azy ireo, manao hoe: [3]"Sambatra ny mahantra am-panahy, fa azy ireo ny fanjakan'ny lanitra. [4]Sambatra ireo misaona, fa hampiononina izy ireo.
[5]Sambatra ireo malemy fanahy, fa izy ireo no handova ny tany. [6]Sambatra ireo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa ho vokisana izy ireo. [7]Sambatra ireo mpamindra fo, fa hahazo famindram-po izy ireo. [8]Sambatra ireo madio am-po, fa hahita an'Andriamanitra izy ireo.
[9]Sambatra ireo mpampihavana, fa izy ireo no antsoina hoe zanak'Andriamanitra. [10]Sambatra ireo izay enjehina nohon'ny fahamarinana, fa azy ireo ny fanjakan'ny lanitra.
[11]Sambatra ianareo raha maniratsira anareo sy manenjika anareo ny olona, ary miteny ny karazana lainga ratsy rehetra hanohitra anareo nohon'ny amiko. [12]Mifalia sy miravoravoa, fa lehibe ny valisoanareo any an-danitra. Fa toy izany ny fomba nanenjehan'ny olona ireo mpaminany izay niaina talohanareo.
[13]Ianareo no siran'ny tany. Fa raha ny sira no tonga matsatso, amin'ny fomba ahoana no ampasira izany indray? Tsy ho tsara na amin'ny inona na amin'ny inona intsony izany fa hariana sy ho hitsahin'ny tongotry ny olona sisa. [14]Ianareo no fahazavan'izao tontonlo izao. Ny tanàna miorina eo amin'ny havoana dia tsy azo hafenina intsony.
[15]Tsy misy olona mandrehitra jiro ka mametraka izany any ambany harona, fa eo amin'ny fitoeran-jiro, ka manazava ny rehetra ao an-trano izany. [16]Aoka hazava eo anoloan'ny olona toy izany fomba izany ny fahazavanareo mba ahitan'izy ireo ny asa tsara ataonareo ary ankalazany ny Rainareo izay any an-danitra.
[17]Aza mieritreritra hoe tonga handrava ny lalàna na ireo mpaminany Aho. Tsy tonga hamotika ireo Aho, fa hanatanteraka azy ireo. [18]Fa lazaiko marina aminareo fa mandra-pahalevon'ny lanitra sy ny tany, dia tsy ho foana amin'ny lalàna na dia litera iray sy tendron-tsoratra iray aza, mandra-pahatanteraky ny zavatra rehetra.
[19]Noho izany na iza na iza mandika na dia ny kely indrindra amin'ireo didy ireo sy mampianatra ny hafa anao toy izany dia ho antsoina hoe kely indrindra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra. Fa na iza na iza mankatoa sy mampianatra ireo dia ho antsoina hoe lehibe ao amin'ny fanjakan'ny lanitra. [20]Fa lazaiko aminareo fa raha tsy mihoatra noho ny an'ny mpanoradalàna sy ny fariseo ny fahamarinanareo, dia tsy hiditra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo.
[21]Efa renareo fa voalaza tamin'izy ireo fahiny hoe: 'Aza mamono olona,' ary 'Na iza na iza mamono olona dia ho helohina any amin'ny fitsarana.' [22]Fa lazaiko aminareo fa izay rehetra tezitra amin'ny rahalahiny dia mendrika ny ho helohina any amin'ny fitsarana; ary na iza na iza miteny ny rahalahiny hoe: 'Ianao dia olom-poana!' dia ho helohina any amin'ny filankevitra; ary na iza na iza milaza hoe: 'Adala ianao!' dia mendrika ny ho any amin'ny farihy mirehitra afo.
[23]Noho izany raha manolotra ny fanatitrao eo amin'ny alitara ianao ka tsaroanao teo fa manana alahelo aminao ny rahalahinao, [24]dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrao, ka mandehana zory ny lalanao. Mihavàna aloha amin'ny rahalahinao, ary avy eo miverena dia atolory ny fanatitrao.
[25]Mihavàna faingana amin'ny mpiampanga anao raha mbola miara-dia aminy any amin'ny fitsarana ianao, fandrao ny mpiampanga anao hanolotra anao amin'ny mpitsara, ary ny mpitsara mety hanolotra anao amin'ny manam-boninahitra, ka hatao ao an-trano maizina ianao. [26]Lazaiko marina aminareo, fa tsy ho afaka mivoaka ao mihintsy ianao mandra-pandohanao ny vola faran'ny kely indrindra amin'ny trosanao.
[27]Efa renareo fa voalaza hoe: 'Aza mijangajanga.' [28]Kanefa lazaiko aminareo fa izay rehetra mijery vehivavy ka maniry azy dia efa nijangajanga tao am-pony sahady.
[29]Raha manafintohina anao ny masonao ankavanana, dia esory izany ary atsipazo lavitra anao. Fa tsara kokoa ho anao raha ny ampahany iray amin'ny vatanao no tokony ho simbaina fa tsy ny tenanao rehetra no atsipy any amin'ny helo.
[30]Raha manafintohina anao ny tananao ankavanana, dia tapaho ary atsipazo lavitra hiala aminao. Fa tsara kokoa ho anao raha ny ampahany iray amin'ny vatanao no tokony ho very fa tsy ny tenanao rehetra no atsipy any amin'ny helo.
[31]Ary efa voalaza ihany koa hoe: 'Na iza na iza misaraka amin'ny vadiny, dia aoka izy hanome azy ny taratasy fisarahampanambadiana.' [32]Fa Izaho kosa milaza aminareo fa izay rehetra misaraka amin'ny vadiny, afa-tsy nohon'ny fijangajangana, dia mampijangajanga azy. Na iza na iza manambady azy aorian'ny fisarahany dia mijangajanga.
[33]Ary koa, renareo fa voalaza tamin'ny ntaolo hoe: 'Aza mianiana fianianana diso, fa ento eo anatrehan'ny Tompo ny fianiananao.' [34]Fa Izaho kosa milaza aminareo, aza mianiana amin'ny zavatra rehetra, na amin'ny lanitra aza, fa seza fiandrianan'Andriamanitra izany; [35]na amin'ny tany, fa fitoeran-tongony izany; na koa amin'ny Jerosalema, fa tanànan'ny mpanjaka lehibe izany.
[36]Aza mianiana amin'ny lohanao, fa tsy afaka manafotsy na manamainty ny singam-bolo iray ianao. [37]Fa aoka ny teninao ho, 'Eny, eny,' na 'Tsia, tsia.' Izay mihoatra izany dia avy amin'ny ilay ratsy.
[38]Renareo fa voalaza hoe: 'Maso solon'ny maso, ary nify solon'ny nify.' [39]Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe, aza manohitra izay ratsy. Fa kosa, na iza na iza mamely ny takolakao ankavanana dia atolory azy koa ny ilany.
[40]Ary raha misy olona maniry ny hiaraka aminao ho any amin'ny fitsarana ka manendaka ny akanjonao, dia avelao ho azy ihany koa ny lambanao. [41]Na iza na iza manery anao andeha kilometatra iray, mandehana miaraka aminy amin'ny kilometatra roa. [42]Omeo izay mangataka aminao, ary aza mandà na iza na iza maniry ny hindrana aminao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[43]Efa renareo fa voalaza hoe: 'Tsy maintsy mitia ny mpiara-belona aminao ianao ary mankahala ny fahavalonao.' [44]Fa lazaiko aminareo, tiavo ny fahavalonareo ary mivavaha ho an'izay manenjika anareo, [1] [45]mba ho tonga zanaky ny Rainareo izay any an-danitra ianareo. Fa Izy dia mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy sy ny tsara, ary mampilatsaka ny orana amin'ny marina sy ny tsy marina.
[46]Fa raha ireo izay tia anareo no tiavinareo, inona no valisoa azonareo? Moa na dia ny mpamory hetra aza tsy mba manao tahaka izany koa? [47]Raha ny rahalahinareo irery ihany no arahabainareo, inona no mba ataonareo mihoatra ny hafa? Moa na dia ny Jentilisa aza tsy mba manao tahaka izany koa? [48]Noho izany dia tsy maintsy tanteraka ianareo, tahaka ny fahatanterahan'ny Rainareo izay any an-danitra.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha tsara indrindra dia manala ny hoe: "Misaora ireo izay manozona anareo, manaova ny tsara aminin'ireo izay mankahala anareo."

---

6 [1]Mitandrema mba tsy hanao ny asan'ny fahamarinanareo eo anatrehan'ny olona ianareo mba ho itan'izy ireo, fa raha tsy izany dia tsy hahazo ny valisoa avy amin'ny Rainareo izay any an-danitra. [2]Noho izany rehefa maneho fihantrana ianareo, dia aza mitsoka trompetra misarika ny hafa tahaka ny ataon'ny mpiatsara velatsia any amin'ny synagoga sy eny amin'ny lalana, ka mba mety hahazo ny fideran'ny olona izy ireo. Lazaiko marina aminareo, fa izy ireo dia efa nandray ny valisoany.
[3]Fa rehefa maneho fihantrana ianareo, aza atao fantatrin'ny tananareo havia izay ataon'ny tananareo havanana, [4]ka mba homena mangingina ny fanomezanareo. Avy eo ny Rainareo izay mahita amin'ny mangingina no hamaly soa anareo.
[5]Rehefa mivavaka ianareo, aza manao tahaka ny mpihatsaravelatsihy, fa izy ireo tia mijoro sy mivavaka eo amin'ny synagoga sy eo amoron-dalana, ka mba mety ho itan'ny olona. Lazaiko marina aminareo, fa izy ireo dia efa nandray ny valisoany. [6]Fa ianareo, rehefa mivavaka, midira ao amin'ny efi-tranonareo. Hidio ny varavarana, dia mivavaha amin'ny Rainareo izay ao amin'ny mangingina. Avy eo ny Rainareo izay mahita ao amin'ny mangingina no hamaly soa anareo.
[7]Rehefa mivavaka ianareo, aza manao teny maro tsy misy ilàna azy tahaka ny ataon'ny Jentilisa, ny amin'ny fiheverany fa ho re izy ireo nohon'ny teny maro izay ataony.
[8]Noho izany, aza manao tahaka azy ireo, fa ny Rainareo dia efa mahafantatra ireo zavatra izay ilainareo mialohan'ny angatahanareo Aminy. [9]Noho izany mivavaha tahaka izao hoe: 'Rainay izay any an-danitra, ho hamasinina anie ny anaranao. [10]Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
[11]Omeo anay anio ny hanina sahaza ho anay. [12]Mamelà ny helokay, tahaka ny hamelanay izay meloka taminay. [13]Ary aza mitondra anay amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy.'" [1]
[14]Fa raha mamela ny hadisoan'ny olona ianareo, dia hamela anareo ihany koa ny Rainareo izay any an-danitra. [15]Fa raha tsy mamela ny hadisoan'izy ireo ianareo, dia tsy hamela ny hadisoanareo mihintsy ny Rainareo.
[16]Ankoatra izay, rehefa mifady hanina ianareo, aza mampiseho endrika mampalahelo tahaka ny ataon'ny mpiatsaravelatsihy, fa manaratsy tarehy izy ireo ka mba mety ho itan'ny olona fa tena mifady hanina. Lazaiko marina aminareo, fa efa nandray ny valisoany izy ireo. [17]Fa ianao, rehefa mifady hanina, osory menaka ny lohanao ary sasao ny tarehinao, [18]ka mba tsy ho itan'ny hafa hoe mifady hanina, fa amin'ny Rainao izay ao amin'ny mangingina ihany; ary ny Rainao izay mahita ao amin'ny mangingina, no hamaly soa anao.
[19]Aza mitahiry ny harenareo ety an-tany, izay simbain'ny kalalao sy harafesina, ary hidiran'ireo mpangalatra an-keriny ka hangalatra. [20]Fa kosa, tehirizo ny harenareo any an-danitra, izay tsy ho simban'ny kalalao sy harafesina, ary tsy hidiran'ireo mpangalatra an-keriny ka hangalatra. [21]Fa izay misy ny harenao, no itoeran'ny fonao ihany koa.
[22]Ny maso no jiron'ny vatana. Noho izany, raha tsara ny masonao, dia ho feno fahazavana ny vatana rehetra. [23]Fa raha ratsy ny masonao, dia ho feno haizina ny vatanao rehetra. Noho izany, raha maizina ny fahazavanaizay ao anatinao amin'izao, manao ahoana ny halehibehin'izany haizana izany! [24]Tsy misy afaka hanompo tompo roa, fa hankahala ny iray izy ary hitia ny iray, raha tsy izany hanolo-tena ho an'ny iray ka hankahala ny iray hafa. Ianao dia tsy afaka hanompo an'Andriamanitra sy ny harena.
[25]Noho izany lazaiko aminareo, aza miahiahy momba ny ainareo, izay hohaninareo na izay hosotroinareo - na momba ny vatanareo, izay hotafianareo. Fa tsy lehibe noho ny sakafo va ny fiainana, ary ny vatana lehibe noho ny fitafiana? [26]Jereo ireo vorona eny amin'ny habakabaka. Izy ireny dia tsy mamafy na mijinja na manangona ao an-tsompitra, fa ny Rainareo izay any an-danitra no mamahana azy ireny. Tsy sarobidy kokoa mihoatra ireny ve ianareo?
[27]Iza aminareo no afaka manampy hakio iray amin'ny andro hiainany amin'ny fanahiana? [28]Nahoana ianareo no miahiahy momba ny fitafianareo? Saino ny momban'ny lilia eny amin'ny saha, ahoana ny fanirin'izy ireny. Tsy mba miasa izy ireny, ary tsy mamoly fitafiana. [29]Lazaiko aminareo, fa na i Solomona aza amin'ny voninahiny rehetra dia tsy nitafy tahaka ny iray amin'ireny.
[30]Raha ampitafian'Andriamanitra tahaka izany ny ahitra any an-tsaha, izay rehetra misy anio sy rahampitso dia hatsipy ao am-patana, toy ny ahoana no ampitafiany anareo bebe kokoa, ianareo ry kely finoana? [31]Noho izany aza miahiahy ka milaza hoe: 'Inona no hohaninay?' na hoe: 'Inona no hosotroinay?' na hoe: 'Inona ny fitafiana ho anaovanay?'
[32]Fa ireo Jentilisa mitady ireo zavatra ireo, ary ny Rainareo izay any an-danitra dia mahafantatra fa mila ireo ianareo. [33]Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany dia homena anareo ireo zavatra ireo. [34]Noho izany, aza miahiahy ny ampitso, fa ny ampitso hanahy ny azy. Ampy ho an'ny andro tsirairay ny ratsy ao aminy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Ny dika teny taloha tsara indrindra dia manala ny hoe: "Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay. Amen."

7 [1]Aza mitsara, dia tsy hotsaraina ianareo. [2]Fa amin'ny fitsarana nataonareo, no hitsarana anareo, ary amin' ny fandrefesana andrefesanareo, no handrefesana anareo.
[3]Nahaoana ianao no mijery ny singa-mololo kely izay ao anatin'ny mason'ny rahalahinao, nefa tsy tsikaritrao ny andry ao anaty masonao? [4]Ahoana no hitenenanao ny rahalahinao hoe: 'Avelaho aho hanala ny singa-mololo izay ao anaty masonao,' raha mbola ao anatin'ny masonao ilay andry? [5]Ry mpihatsaravelatsihy! Esory aloha ny andry izay ao anaty masonao, ary avy eo ianao hahita tsara rehefa manala ny singa-mololo izay eo amin'ny mason'ny rahalahinao.
[6]Aza omena ny alika izay masina, ary aza hatsipy eo anoloan'ny kisoa ny vatosoanareo. Raha tsy izany dia mety ho voahitsany ny tongotr'izy ireo, ary avy eo hifotitra sy hamiravira anareo amin'ny fahapotehana.
[7]Mangataha, dia omena anareo izany. Mitadiava, dia hahita ianareo. Dondony, fa hisokatra ho anareo izany. [8]Fa izay rehetra mangataka, dia mahazo; ireo rehetra izay mitady, dia mahita; ary ho an'ny olona mandondòna, dia ho vahana. [9]Sa iza aminareo, raha angatahan'ny zanany mofo, no hanolotra vato ho azy? [10]Na koa raha nangatahiny trondro, ka hanolotra bibilava azy?
[11]Noho izany, raha ianareo izay ratsy aza mahay manome ireo fanomezana izay tsara ho an'ny zanakareo, moa tsy lehibe mihoatra va ny zavatra tsara omen'ny Rainareo izay any an-danitra ho an'ireo izay mangataka aminy? [12]Noho izany, na inona na inona zavatra tianareo ho ataon'ny olona amin'ny tenanareo, dia tokony hanao toy izany amin'izy ireo ihany koa ianareo, fa izany no lalàna sy ireo mpaminany.
[13]Midira amin'ny vavahady tery. Fa lehibe ny vavahady ary malalaka ny lalana mitondra any amin'ny fahaverezana, ary maro ireo olona izay mandeha amin'izany. [14]Fa tery ny vavahady ary sarotra ny lalana izay mitarika mankany amin'ny fiainana, ary vitsy ireo izay mahita izany.
[15]Mitandrema amin'ireo mpaminany sandoka, izay manatona anareo amin'ny fitafian'ondry nefa amboadia tena mpihaza. [16]Amin'ny alalan'ny voany no hahafantaranareo azy ireo. Mioty voaloboka eny amin'ny tsilo va ny olona, na koa aviavy eny amin'ny songosongo? [17]Mitovy amin'izany, ny hazo tsara rehetra dia mamokatra voa tsara, fa ny hazo ratsy dia mamokatra voa ratsy.
[18]Ny hazo tsara dia tsy afaka ny hamokatra voa ratsy, na koa ny hazo ratsy dia tsy afaka mamokatra voa tsara. [19]Ny hazo rehetra izay tsy mamokatra voa tsara dia kapaina ary hatsipy any anaty afo. [20]Ka noho izany, ho fantatrareo izy ireo amin'ny alalan'ny voany.
[21]Tsy ireo rehetra izay miteny amiko hoe: 'Tompo, Tompo,' dia hiditra ny fanjakan'ny lanitra, fa ireo izay manao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra ihany. [22]Maro ireo olona hiteny amiko amin'izany andro izany hoe: 'Tompo, Tompo, tsy efa naminany tamin'ny anaranao ve izahay, tsy efa namoaka ireo demonia tamin'ny anaranao, ary nanao ireo asa lehibe tamin'ny anaranao?' [23]Avy eo Aho hanambara amin'izy ireo ampahibemaso hoe: 'Tsy nahafantatra anareo mihitsy Aho! Mialà lavitra Ahy, ry mpanao ratsy!'
[24]Noho izany, ireo rehetra izay mandre ny teniko ary mankatoa izany dia ho tahaka ny olona hendry izay nanorina ny tranony eny ambony vatolampy. [25]Nirotsaka ny orana, tonga ny tondran-drano, ary nifofofofo sy namely ilay trano ny rivotra, fa tsy nianjera izany, satria nahorina teo ambony vatolampy.
[26]Fa ny rehetra izay mandre ireo teniko ka tsy mankatò azy ireny dia tahaka ny olona adala izay manorina ny tranony eny ambony fasika. [27]Nirotsaka ny orana, tonga ny tondra-drano, ary nifofofofo sy namely ilay trano ny rivotra, ka dia nianjera izany, ary feno ny faharavany."
[28]Ary rehefa avy nanambara ireo teny ireo Jesosy, talanjona tamin'ny fampianarany ireo vahoaka, [29]satria nampianatra azy ireo tahaka ny olona izay manana fahefana Izy, fa tsy tahaka ireo mpanora-dalànan'izy ireo.

8 [1]Rehefa nidina avy eny an-tendrombohitra Jesosy, dia vahoaka maro no nanaraka Azy. [2]Indro, nisy boka iray nanatona Azy ary nitsaoka teo anoloany, nanao hoe: "Tompo, raha sitrakao, dia afaka manadio ahy Ianao." [3]Nanatsotra ny tanany Jesosy ary nikasika azy, nanao hoe: "Sitrako. Mahadiova." Teo no ho eo dia nadio tamin'ny fahabokany izy.
[4]Hoy Jesosy taminy hoe: "Aoka mba tsy hilaza na inona na inona na amin'iza na amin'iza ianao. Mandehana amin'ny lalanao, ka asehoy amin'ny mpisorona ny tenanao ary atolory ilay fanatitra izay nodidian'i Mosesy, mba ho fijoroana vavolombelona amin'izy ireo."
[5]Rehefa niditra tao Kapernaomy Jesosy, dia nanatona Azy ny kapiteny iray ary nanontany Azy, [6]nanao hoe: "Tompo, mandry ao an-trano ny mpanompoko fa malemy ary ao anatin'ny fanaintainana mafy." [7]Hoy Jesosy taminy hoe: "Ho avy Aho ary hanasitrana azy."
[8]Namaly ilay kapiteny ary nanao hoe: "Tompo, tsy mendrika aho ny tokony hidiranao ao ambany tafon-tranoko, teneno fotsiny ny teny dia ho sitrana ny mpanompoko. [9]Fa izaho ihany koa dia lehilahy izay napetraka ao ambany fahefana, ary manana miaramila izay feheziko aho. Miteny amin'ny anankiray aho hoe: 'Mandehana', dia mandeha izy, ary amin'ny hafa iray hoe: 'Avia,' dia manatona izy, ary amin'ny mpanompoko hoe: "Ataovy izao,' dia ataony izany." [10]Rehefa ren'i Jesosy izany, dia gaga Izy ary niteny tamin'ireo izay nanaraka Azy hoe: "Lazaiko marina aminareo, fa tsy mbola nahita olona nanam-pinoana toy izany Aho teto Israely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Lazaiko aminareo, fa maro ny avy any atsinanana sy avy any andrefana no ho avy, ary izy ireo dia hipetraka eo an-
databatra miaraka amin'i Abrahama, Isaka ary Jakoba, any amin'ny fanjakan'ny lanitra. [12]Fa ireo zanaky ny fanjakana dia
hatsipy any ivelan'ny aizina lavitra any, izay hisy fitomaniana sy fikitroha-nify." [13]Hoy Jesosy tamin'ilay kapiteny hoe:
"Mandehana! Araka ny ninoanao, dia aoka izany ho atao ho anao." Ary dia sitrana tamin'izany ora izany mihitsy ilay
mpanompo.
[14]Rehefa niditra tao an-tranon'i Petera Jesosy, dia nahita ny rafozam-bavin'i Petera nandry nararin'ny tazo Izy.
[15]Nokasihan'i Jesosy ny tanany, ary niala taminy ny tazo. Dia nitsangana izy ary nanomboka nandroso sakafo Azy.
[16]Rehefa tonga ny hariva, dia maro ireo nofehezin'ny demony noentin'ny olona teo amin'i Jesosy. Nandroaka ireo fanahy
tamin'ny teny Izy ary nanasitrana ireo rehetra izay narary. [17]Toy izany no nahatanteraka izay nambara tamin'Isaia
mpaminany, nanao hoe: "Izy tenany naka ny fahararian tsika sy nitondra ireo aretintsika."
[18]Ary rehefa hitan'i Jesosy ireo vahoaka nanodidina Azy, dia nanome toromarika mba hialana ho eny ampitan'ny
ranomasina Galilia Izy. [19]Avy eo ny mpanora-dalàna iray nanatona Azy ary nanao hoe: "Ry mpampianatra, hanaraka
Anao aho na aiza na aiza alehanao." [20]Hoy Jesosy taminy hoe: "Ny amboahaolo manan-davaka, ary ireo voron'ny lanitra
manana akany, fa ny Zanak'Olona tsy manana na aiza na aiza ampandriana ny lohany."
[21]Iray hafa tamin'ireo mpianatra niteny taminy hoe: "Tompo, avelao aho aloha andeha ary andevina ny raiko." [22]Fa hoy
Jesosy taminy hoe: "Manaraha Ahy, ary avelao ny maty andevina ny maty ao aminy manokana."
[23]Rehefa niditra tao amin'ny sambokely iray Jesosy, dia nanaraka Azy tao anatin'io ireo mpianany. [24]Indro, nisy tafio-
drivotra lehibe nitranga teo amin'ny ranomasina, ka dia rakotry ny onja ny sambo. Fa resin-tory Jesosy. [25]Nankeo Aminy
ireo mpianatra ary namoha Azy, nanao hoe: "Vonjeo isika, Tompo; ho faty isika!"
[26]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no matahotra, ry kely finoana?" Dia nitsangana Izy avy eo ary niteny
mafy ny rivotra sy ny ranomasina. Dia nisy fitoniana be avy teo. [27]Gaga ireo lehilahy ary niteny hoe: "Fa karazana lehilahy
inona ity, fa na dia ny rivotra sy ranomasina aza mankatoa Azy?"
[28]Rehefa tonga teny ampita sy teo amin'ny tanànan'ny Gadarenesa Jesosy, dia nisy lehilahy roa izay nofehezin'ny demonia
nifanena Taminy. Izy ireo dia nivoaka avy any amin'ireo fasana ary tena nahery setra, noho izany dia tsy nisy mpandeha
afaka nandalo izany lalana izany. [29]Indro, nihiaka mafy izy ireo ary nanao hoe: "Moa mpifaninona akory izahay sy Ianao,
ry Zanak'Andriamanitra? Tonga eto va Ianao hampihorohoro anay mialohan'ny fotoana voatondro?"
[30]Ary nisy andian-kisoa maro nisakafo teo, tsy dia lavitra azy ireo. [31]Mbola niangavy an'i Jesosy ihany ireo demonia ary
nanao hoe: "Raha mandroaka anay Ianao, dia alefao ao anatin'ireo andian-kisoa ireo izahay." [32]Hoy Jesosy tamin'izy ireo
hoe: "Mandehana!" Dia nivoaka ireo demonia ka nankao amin'ireo kisoa; ary indro, ireo andiany rehetra nirifatra nidina
ny tendrombohitra mideza nankany an-dranomasina ary maty tao anaty rano izy ireo.
[33]Ireo izay nikarakara ireo kisoa dia nihazakazaka ary nankany amin'ny tanàna izy ireo ary nitatitra ny zavatra rehetra,
ary indrindra izay nitranga tamin'ireo lehilahy izay nofehezin'ireo demonia. [34]Indro, nivoaka ireo tao an-tanàna rehetra
mba hihaona amin'i Jesosy. Rehefa hitan'izy ireo Izy, dia nangataka Azy mba handao ny faritanin’izy ireo.

9 [1]Niditra tao an-tsambokely Jesosy, niampita, ary tonga tao amin'ny tanànany. [2]Indro, nisy lehilahy mararin'ny
paralysisa nandry teo am-pandriana noentin'izy ireo teo Aminy. Rehefa nahita ny finoan'izy ireo, dia hoy Jesosy
tamin'ilay lehilahy mararin'ny paralesisa hoe: "Anaka, aoka ianao hifaly. Efa voavela ny helokao."
[3]Indro, ny sasany tamin'ireo mpanora-dalàna nanao anakampo hoe: "Miteny ratsy io lehilahy io." [4]Fantatr'i Jesosy ny
eritreritr'izy ireo ary niteny hoe: "Nahoana ianareo no mieritreri-dratsy ao am-ponareo? [5]Fa iza no moramora kokoa no
miteny azy hoe: 'Voavela ny helokao,' sa ny miteny hoe: 'mitsangàna ka mandehana?' [6]Fa mba ho fantatrareo fa ny
zanak'olona dia manana fahefana hamela heloka eto ambonin'ny tany..." hoy Izy tamin'ilay mararin'ny paralisisa hoe:
"Mitsangàna, batao ny fandrianao, ary mandehana any an-tranonao."
[7]Avy eo nitsangana ilay lehilahy ary nankany an-tranony. [8]Rehefa nahita izany ny vaohaka, dia gaga izy ireo ary nidera
an'Andriamanitra, izay nanome fahefana tahaka izany ho an'ny olona. [9]Ary raha niala avy teo Jesosy, dia nahita lehilahy
nantsoina hoe Matio Izy, izay nipetraka teo amin'ny lain'ny famorian-ketra. Hoy Izy taminy hoe: "Manaraha Ahy."
Nitsangana izy ary nanaraka Azy.
[10]Ary raha nipetraka hihinana tao an-trano Jesosy, indro, mpamory hetra sy olona mpanota maro tonga ary niara-
nihinana tamin'i Jesosy sy ireo mpianany. [11]Rehefa nahita izany ireo fariseo, dia niteny tamin'ireo mpianany izy ireo hoe:
"Nahoana ny mpampianatrareo no miara-mihinana amin'ny mpamory hetra sy ny olona mpanota?"
[12]Rehefa nandre izany Jesosy, dia hoy Izy hoe: "Ny olona matanjaka ara-batana dia tsy mila mpitsabo, fa ireo izay marary
ihany. [13]Tokony mandeha mianatra ianareo ny dikan'ny hoe: 'Famindram-po no iriako fa tsy sorona.' Fa tonga Aho, tsy
hiantso ireo marina hibebaka, fa ireo mpanota."
[14]Avy eo nanatona azy ireo mpianatr'i Jaona ka niteny hoe: "Nahoana izahay sy ireo fariseo no mifady hanina matetika, fa
ireo mpianatrao kosa tsy mba mifady?" [15]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Mety alahelo ve ireo havan'ny mpampakatra,
raha mbola miaraka eo amin'izy ireo ny mpampakatra? Fa ho avy ny andro hangalana ny mpampakatra eo amin'izy ireo,
dia amin'izay izy ireo vao hifady hanina.
[16]Tsy misy olona manampina akanjo tonta amin'ny tapa-damba vaovao, fa ny tampina handrovitra ny lamba, ary hisy
tritra ratsy lavitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Tsy misy olona manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta. Raha manao izany izy ireo, dia ho triatra ny siny hoditra, ho raraka ny divay ary ho potika ny siny hoditra. Fa kosa, manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra vaovao izy ireo, ary ho voatahiry izy roa."
[18]Raha mbola niteny ireo zavatra ireo tamin'izy ireo Jesosy, dia indro, nisy manam-pahefana anankiray tonga ka niankohoka teo aminy. Niteny izy hoe: "Maty izao ankehitriny izao ny zanako vavy, fa tongava ary apetraho eo aminy ny tananao, dia ho velona izy." [19]Avy eo nitsangana Jesosy ary nanaraka azy, dia nanao toy izany koa ireo mpianany.
[20]Indro, nisy vehivavy izay efa nandeha rà nandritra ny roa ambin'ny folo taona, nankao aorian'i Jesosy ary nikasika ny moron'akanjony. [21]Fa hoy izy tamin'ny tenany hoe: "Raha mahavoakasika ny lambany fotsiny aho, dia ho sitrana." [22]Fa nitodika Jesosy ka nahita azy, dia niteny hoe: "Ry zanako vavy, mahereza; ny finoanao no nahasitrana anao." Ary sitrana ilay vehivavy nanomboka tamin'io ora io.
[23]Rehefa tonga tany amin'ny tranon'ilay manam-pahefana Jesosy, dia nahita ireo mpitsoka sodina sy ireo vahoaka nitabataba be Izy. [24]Dia hoy Izy hoe: "Mandehana, fa tsy maty ilay zazavavy, fa matory izy." Fa nihomehy Azy tamin'ny fanesoana izy ireo.
[25]Rehefa navoaka tany ivelany ny vaohaka, dia niditra tao an'efitra Izy ary nandray azy tamin'ny tanana, ary nitsangana ilay zazavavy. [26]Niely nanerana ny faritra rehetra ny vaovao momba izany.
[27]Ary raha niala teo Jesosy, dia nisy jamba roa lahy nanaraka Azy. Tsy nitsahatra niantso izy ireo sady niteny hoe: "Mamindrà fo aminay, ry zanak'i Davida!" [28]Rehefa tonga tao an-trano Jesosy, dia nanatona Azy ireo lehilahy jamba. Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Mino ve ianareo fa mahay manao izany Aho?" Dia hoy izy ireo taminy hoe: "Eny, Tompo."
[29]Avy eo nokasihan'i Jesosy ny mason'izy ireo ary niteny hoe: "Ho tanteraka aminareo araka ny finoanareo anie izany,"
[30]ary nahiratra ny mason'izy ireo. Avy eo Jesosy nandidy mafy azy ireo ary niteny hoe: "Aoka mba tsy hisy olona ahafantatra momba izao." [31]Fa nandeha ireo roa lahy ka nampiely ny vaovao momba izany nanerina izany faritra izany.
[32]Ary raha nandeha ireo roa lahy, dia indro, nisy lehilahy moana nitoeran'ny demonia noentina teo amin'i Jesosy. [33]Ary rehefa navoaka ilay demonia, dia niteny ilay lehilahy moana. Gaga ny vahoaka ka niteny hoe: "Tsy mbola fahita hatrizay tamin'Isiraely izao!" [34]Fa hoy ireo fariseo hoe: "Tamin'ny fanapahan'ireo demonia, no namoahany ireo demonia."
[35]Nandeha nitety ireo tanàn-dehibe sy ireo vohitra rehetra Jesosy. Nanohy nampianatra tany amin'ireo synagogan'izy ireo Izy, nitory ny filazantsaran'ny fanjakana, ary nanasitrana ireo karazan'aretina rehetra sy ireo karazana fahararina rehetra. [36]Rehefa nahita ireo vahoaka Izy, dia nanana fangoraham-po tamin'ireo, satria niahiahy sy kivy izy ireo. Tahaka ny ondry tsy misy mpiandry izy ireo.
[37]Dia hoy izy tamin'ireo mpianany hoe: "Betsaka ny vokatra, fa ireo mpiasa no vitsy. [38]Noho izany mivavaha faingana amin'ny Tompon'ny vokatra, mba andefasany mpiasa eny amin'ny vokatrany."

10 [1]Nantsoin'i Jesosy niaraka ireo mpianany roa ambin'ny folo ary nanome azy ireo fahefana amin'ireo fanahy maloto, mba handroahana azy ireo, sy hanasitrana ireo karazan'aretina sy karazana fahararianа rehetra.
[2]Ary ireto avy ny anaran'ireo apostoly roa ambiny folo. Ny voalohany, Simona (izay antsoina ihany koa hoe Petera), ary Andreo rahalahiny; Jakoba zanaka lahin'i Zebede, sy Jaona rahalahiny; [3]Filipo, sy Barteleomy; Tomasy, sy Matio ilay mpanangona hetra; Jakoba zanaka lahin'i Alfeosy, ary Tadeosy; [4]Simona ilay Zelota, ary Jodasy Iskariota, ilay hamadika Azy.
[5]Nirahin'i Jesosy izy roa ambiny folo. Nanoro azy ireo Izy ary niteny hoe: "Aza mandeha any amin'ny toerana izay hitoeran'ny Jentilisa ianareo, ary aza miditra amin'ny renivohitr'ireo Samaritana. [6]Fa mandehana kosa any amin'ireo ondry very amin'ny taranak'Isiraely; [7]ka rehefa mandeha ianareo, dia mitoria ary ambarao hoe: 'Efa akaiky ny fahatongavan'ny Fanjakan'ny lanitra.'
[8]Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ireo boka, ary roahy ireo demonia. Araka ny nahazoanareo maimaimpoana, dia manomeza ihany koa maimaimpoana. [9]Aza mitondra volamena, volafotsy, na varahina ao amin'ny kitapom-bolanareo. [10]Aza mitondra kitapom-batsy amin'izay alehanareo, na fitafy hafa, na kiraro, na tehina, fa ny mpiasa dia mendrika hahazo ny sakafony.
[11]Na inona na inona tanàn-dehibe na tanàna kely hidiranareo, tadiavo izay mendrika ao, ary mitoera ao mandra-pialanareo. [12]Raha vao miditra ao amin'ilay trano ianareo, dia miarahabà ny ao. Raha mendrika ilay trano, dia aoka ny fiadananareo ho tonga ao. [13]Fa raha tsy mendrika kosa izany, dia aoka ny fiadananareo hiverina aminareo.
[14]Ho an'ireo izay tsy mandray anareo na tsy mihaino ny teninareo, dia ahintsano ny vovoka amin'ny tongotrareo, rehefa miainga amin'izany trano na tanàn-dehibe izany ianareo. [15]Lazaiko marina aminareo, fa ho moramora kokoa ny an'ny tanin'i Sodoma sy Gomora amin'ny andro fitsarana noho izany tanàn-dehibe izany.
[16]Indro, handefa anareo toy ny ondry eo afovoan'ny ambodia Aho, koa hendre tahaka ny menarana ary tsy manan-tsiny tahaka ny voromailala. [17]Mitandrema ny amin'ny olona! Hanolotra anareo eo amin'ny filan-kevitra izy ireo, ary hikapoka anareo ao amin'ny sinagogan'izy ireo. [18]Avy eo dia ho entina manoloana ny governora sy ny mpanjaka ianareo nohon'ny Amiko, mba ho vavolombelona ho azy ireo sy ho an'ireo Jentilisa.
[19]Rehefa manolotra anareo izy ireo, dia aza manana ahiahy ny amin'ny hoe ahoana na inona no ho lazainareo, fa homena anareo amin'io ora io izay tokony ho lazaina. [20]Fa tsy ianareo no hiteny, fa ny Fanahin'ilay Rainareo no hiteny ao aminareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Ny rahalahy dia hanolotra ny rahalahy ho amin'ny fahafatesana, ary ny ray dia ny zanany. Ny zanaka dia hitsangana hanohitra ny ray aman-dreniny ka hahatonga ny fahafatesan'izy ireo. [22]Ho halan'ny olon-drehetra ianareo nohon'ny amin'ny anarako. Fa na iza na iza miharitra hatramin'ny farany, dia ho voavonjy izany olona izany. [23]Rehefa manenjika anareo ao amin'io tanàn-dehibe io izy ireo, dia mandosira any amin'ny manaraka, fa lazaiko marina aminareo, fa tsy hahatapitra ireo tanànan'Israely mialohan'ny hatongavan'ny Zanak'Olona ianareo.
[24]Ny mpianatra dia tsy lehibe noho ny mpampianany, na ny mpanompo ho ambony noho ny tompony. [25]Ampy ho an'ny mpianatra raha tonga toy ny mpampianany izy, ary ny mpanompo toy ny tompony. Raha nantsoin'izy ireo hoe Belzeboba ny tompon'ny trano, dia ho ratsy lavitra tahaka ny ahoana ireo anarana hiantson'izy ireo ny isam-piankohonana!
[26]Noho izany aza matahotra azy ireo, fa tsy hisy takona izay tsy hiseho, ary zava-miafina izay tsy ho fantatra. [27]Izay lazaiko anareo ao amin'ny haizina, dia teneno amin'ny andro mazava, ary izay bitsibitsika renareo amin'ny sofinareo, dia torio eny ambony tampon-trano.
[28]Aza matahotra an'ireo izay mamono ny vatana kanefa tsy afaka mamono ny fanahy. Fa kosa, matahora an'izay afaka mamotika ny fanahy sy ny vatana any amin'ny helo. [29]Moa va tsy vola madinika kely no hamarotana fody roa? Fa tsy mbola misy na iray amin'izy ireo aza mianjera amin'ny tany raha tsy misy ny fahalalan'ny Rainareo. [30]Fa na ny volon-dohanareo aza voaisa avokoa. [31]Aza matahotra. Manan-danja bebe kokoa noho ny fody maro ianareo.
[32]Noho izany izay rehetra manaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia ho ekeko ihany koa eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra. [33]Fa izay mandà Ahy eo anatrehan'ny olona kosa, dia ho laviko ihany koa eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra.
[34]Aza mieritreritra fa izaho dia tonga hitondra fiadanana eto an-tany. Tsy tonga mba hitondra fiadanana Aho, fa sabatra.
[35]Fa tonga aho hanasaraka ny zanaka lahy amin'ny rainy, sy ny zanaka vavy amin'ny reniny, ary ny vinantovavy amin'ny rafozam-baviny. [36]Ireo izay ao an-tokantranony ihany no ho lasa fahavalon'ny olona.
[37]Izay tia kokoa ny ray na reny mihoatra Ahy dia tsy mendrika Ahy; ary izay tia kokoa ny zanaka lahy na ny zanaka vavy mihoatra Ahy dia tsy mendrika Ahy. [38]Izay tsy mandray ny hazofijaliany ka manaraka Ahy dia tsy mendrika Ahy. [39]Izay mamonjy ny ainy dia hahavery izany. Fa izay mahavery ny ainy noho ny amiko dia hahita izany.
[40]Izay mandray anareo dia mandray Ahy, ary izay mandray Ahy dia mandray ilay naniraka ahy ihany koa. [41]Izay mandray ny mpaminany satria mpaminany izy dia hahazo ny valisoan'ny mpaminany, ary izay mandray ny olo-marina satria olo-marina izy dia hahazo ny valisoan'ny olo-marina.
[42]Na iza na iza manome ny iray amin'ireny madinika indrindra ireny, na dia rano mangatsiaka iray kaopy ho sotroina aza, satria izy mpianatra, dia lazaiko marina aminareo fa, tsy ho very ny valisoany."

11 [1]Ary rehefa avy nampianatra ireo mpianany roa ambin'folo Jesosy, dia niainga avy teo Izy hampianatra sy hitory any amin'ny tananan'izy ireo. [2]Ary rehefa ren'i Jaona tao am-ponja ny momba ireo asan'i Kristy, dia nandefa hafatra tamin'ny alalan'ireo mpianany izy [3]ka niteny Azy hoe: "Ianao va ilay iray izay ho avy, sa tokony hitady hafa izahay?"
[4]Jesosy namaly ary niteny azy ireo hoe: "Mandehana ary lazao amin'i Jaona izay hitanareo sy renareo." [5]Mahazo fahitana ireo jamba, mandeha ireo olona malemy, diovina ireo boka, mandre indray ireo olona marenina, atsangan-ko velona ireo olona maty, ary anambarana ireo vaovao mahafaly ny mahantra. [6]Sambatra izay tsy tafitohina noho ny amiko."
[7]Raha nandeha teny amin'ny lalany ireo lehilahy ireo, dia nanomboka nilaza ny momban'i Jaona tamin'ireo vahoaka Jesosy hoe: "Hijery inona no nivoahanareo any an'efitra - volotara tsofin'ny rivotra? [8]Nefa hijery inona no nivoahanareo - lehilahy manao fitafy lafo vidy? Indro, ireo izay manao fitafy lafo vidy dia mipetraka ao an-tranon'ireo mpanjaka.
[9]Nefa hijery inona no nivoahanareo -mpaminany? Eny, miteny aminareo Aho, ary mihoatra lavitra noho ny mpaminany.
[10]Izy ilay izay voasoratra hoe: 'Jereo, maniraka ny irako hialoha ny tavanareo Aho, izay hanomana ny làlanareo mialoha anareo.'
[11]Lazaiko marina aminareo, fa amin'ireo izay natera-behivavy dia tsy misy lehibe mihoatra noho Jaona mpanao Batisa. Nefa ny olona tsy manan-danja indrindra eo amin'ny fanjakan'ny lanitra dia lehibe noho izy. [12]Nanomboka tamin'ny andron'i Jaona mpanao Batisa ka hatramin'izao, dia miaritra amin'ny herisetra ny fanjakan'ny lanitra, ary ireo olona mahery setra dia maka azy an-keriny.
[13]Fa ireo mpaminany rehetra sy ny lalàna dia efa naminany hatramin'i Jaona; [14]ary raha sitrakareo ny hanaiky izany, dia Izy no Elia ilay ho avy. [15]Izay manan-tsofina ho enti-mhaino, aoka izy hihaino.
[16]Amin'inona no tokony hampitahako ity taranaka ity? Izany dia toy ny ankizy milalao eny amin'ny tsena, izay mipetraka sy mifampiantsoantso [17]ka miteny hoe: 'Nitsoka sodina ho anareo izahay, fa tsy nandihy inareo. Nanao hira fisaonanana izahay, fa tsy nitomany ianareo.'
[18]Fa Jaona dia tsy tonga hihinana mofo na hisotro divay, ka hoy izy ireo hoe: 'Manana demonia izy.' [19]Ny Zanak'Olona dia tonga hihinana sy hisotro ka hoy izy ireo hoe: 'Jereo, lehilahy tendan-kanina sy mpimamo izy, naman'ireo mpamory hetra sy ireo mpanota!' Fa ny fahendrena dia voamarina tamin'ireo asany."
[20]Avy eo Jesosy nanomboka niteny mafy ireo tanàna izay nanaovany ny ankamaroan'ny asany mahagaga, satria tsy nibebaka izy ireo. [21]"Loza ho anareo, ry Korazina! Loza ho anareo, ry Betsaida! Raha natao tany Tyra sy Sidona ireo asa mahagaga izay natao teto aminareo, dia efa ela no nibebaka tamin'ny lamba fisaonana sy lavenona izy ireo. [22]Nefa ho moramora kokoa ny an'ny Tyra sy Sidona amin'ny andron'ny fitsarana mihoatra noho ny anareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Ianareo, ry Kapernaomy, mihevitra ve ianareo fa hasandratra any an-danitra? Tsia, ho entina hidina any amin'ny helo ianareo. Satria raha tany Sodoma no natao ireo asa mahagaga izay natao teto aminareo, dia mbola ho tavela izany mandrak' androany. [24]Nefa milaza aminareo Aho fa ho mora kokoa ho an'ny tanin'i Sodoma ny andron'ny fitsarana noho ny ho aminareo."
[25]Tamin'izany fotoana izany Jesosy niteny hoe: "Midera Anao Aho, ry Ray, Tompon'ny lanitra sy ny tany, satria Ianao no nanafina ireo zavatra ireo tamin'ny hendry sy ny mahalala, ary nanambara ireo tamin'ireo izay tsy mahalala, toy ireo ankizy kely. [26]Eny, ry Ray, satria izany dia nahafinaritra teo imasonao. [27]Ny zavatra rehetra nankinina tamiko dia avy amin'ny Raiko; ary tsy misy mahalala ny Zanaka afa-tsy ny Ray ary tsy misy mahalala ny Ray afa-tsy ny Zanaka, sy izay fidian'ny Zanaka hanambarana Azy.
[28]Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa sy mitondra mavesatra, dia omeko fitsaharana ianareo. [29]Ento ny ziogako ary mianara amiko, fa malemy fanahy sy manetry tena am-po Aho, dia hahita fitsaharana ho an'ireo fanahinareo ianareo. [30]Fa mora ny ziogako ary maivana ny entako."

12 [1]Tamin'izany fotoana izany Jesosy nandeha namakivaky ny tanimbary tamin'ny andro Sabata. Noana ireo mpianany ka nanomboka nioty salohim-bary dia nihinanana ireo. [2]Nefa noho ny hitan'ireo Fariseo izany, dia hoy izy ireo tamin'i Jesosy hoe: "Jereo, ireo mpianatrao manao izay tsy ara-dalàna ny manao azy amin'ny Sabata."
[3]Fa Jesosy niteny azy ireo hoe: "Mbola tsy novakinareo mihitsy va ny zavatra nataon'i Davida, rehefa noana izy, sy ireo lehilahy rehetra niaraka taminy? [4]Niditra tao amin'ny tranon' Andriamanitra izy ary nihinana ny mofon'ny fanatrehena, izay tsy ara-dalàna ho azy raha hanina ary tsy ara-dalàna ho an'ireo izay niaraka taminy, nefa ara-dalàna ho an'ny lohan'ny mpisorona irery ihany.
[5]Tsy mbola novakinareo va ny ao amin'ny lalàna, fa amin'ny Sabata ireo mpisorona ao an-tempoly dia manota ny Sabata nefa tsy manan-tsiny? [6]Kanefa lazaiko aminareo fa eto ny iray lehibe noho ny tempoly.
[7]Raha fantatrareo ny hevitry ny hoe: 'Famindram-po no iriko fa tsy sorona,' dia tsy nanameloka ny tsy manan-tsiny ianareo. [8]Fa ny Zanak'Olona no Tompon'ny Sabata."
[9]Avy eo Jesosy niala tao ka niditra tao amin'ny synagogan'izy ireo. [10]Indro, nisy lehilahy izay malemy tanana teo. Nanontany an'i jesosy ireo Fariseo, nanao hoe: "Ara-dalàna va ny manasitrana amin'ny Sabata?" mba hiampangan'izy ireo Azy amin'ny fahotana.
[11]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Olona iza eo aminareo, iza, raha ondry iray fotsiny no ananany, ka raha latsaka anaty lavaka lalina ilay ondry amin'ny Sabata, no tsy hisambotra azy ary tsy hampakatra azy? [12]Tsy manan-danja mihoatra lavitra, va, ny olona noho ny ondry! Ka noho izany dia ara-dalàna ny manao soa amin'ny andro Sabata."
[13]Avy eo hoy Jesosy tamin-dralehilahy hoe: "Ahinjiro ny tananao." Dia nahinjiny izany, ka niverina ny fahasalamany, tahaka ny tanany ilany. [14]Fa nivoaka ireo Fariseo ka nitetika ny hamono Azy. Nitady hevitra ny amin'ny fomba mety hamonona Azy izy ireo.
[15]Rehefa nahalala izany Jesosy, dia niala teo Izy. Olona maro no nananaraka Azy, ary nositraniny izy rehetra. [16]Dia nandidy azy ireo Izy mba tsy hampafantatra Azy amin'ny hafa, [17]mba hahatanteraka, izay efa nambara tamin'ny alalan' Isaiah mpaminany, manao hoe:
[18]"Jereo, ny mpanompoko izay nofidiko; ry ilay malalako, izay sitrakin'ny fanahiko indrindra. Hapetrako ao aminy ny fanahiko, ary hanambara ny fitsaràna amin'ny Jentilisa izy.
[19]Tsy hifanditra na hiantso mafy izy; ary tsy hisy olona handre ny feony eny an-dalàna.[20]Tsy hanapaka ny volotara torotoro izy; tsy hamono izay lahin-jiro manentona, mandra-panaony ny rariny ho fandresena, [21]ary amin'ny anarany no hananan'ireo Jentilisa fanantenana."
[22]Avy eo nisy olona jamba sy moana, nitoeran'ny demonia, noentina teo amin'ny Jesosy. Nositraniny izy, vokatr'izany dia niteny sy nahita ilay moana. [23]Gaga ireo vahoaka rehetra ka niteny hoe: "Mety io lehilahy io ve no Zanak'i Davida?"
[24]Kanefa rehefa nandre izany fahagagana izany ireo Fariseo, dia hoy izy ireo hoe: "Io lehilahy io dia tsy mamoaka demonia raha-tsy amin'ny alalan'i Belzeboba, lehiben'ny demonia." [25]Kanefa fanatatr'i Jesosy ny eritreritr'izy ireo ka niteny azy ireo izy hoe: "Ny fanjakana rehetra miady an-trano dia tsy haharitra, ary ny tanàna na trano rehetra miady an-trano dia ho rava.
[26]Raha mamoaka satana ny satana, dia miady an-trano izy. Ahoana noho izany no hijoroan'ny fanjakany? [27]Ary raha mamoaka ireo demonia amin'ny alalan'i belzeboba Aho, dia amin'ny alalan'iza izany no adroahan'ny zanakareo azy ireo? Noho izany antony izany dia ho mpitsaranao izy ireo.
[28]Kanefa raha mamoaka ireo demonia amin'ny alalan'ny Fanahin'Andriamanitra Aho, dia efa tonga aminareo ny Fanjakan'Andriamanitra. [29]Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'ny olona miditra ao an- tranon'ny lehilahy mahery ary maka ireo fananany raha tsy hafatotra aloha ilay lehilahy mahery? Avy eo haka ireo fananany ao an-tranony izy. [30]Izay tsy momba Ahy dia manohitra Ahy, ary izay tsy mitambatra miaraka Amiko dia miparitaka.
[31]Noho izany lazaiko aminareo fa, ho voavela heloka ny olona amin'ny fahotaha sy fitenenan-dratsy rehetra, fa ny fitenenan-dratsy amin'ny Fanahy Masina dia tsy hahazoana famelan-keloka. [32]Na iza na iza miteny manohitra ny Zanak'Olona, dia ho voavela izy. Fa na iza na iza miteny manohitra ny Fanahy Masina, dia tsy ho voavela izy, na amin'izao fiainana izao, na amin'izay ho avy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[33]Ataovy tsara ny hazo dia hamoa tsara izany, na ataovy ratsy ny hazo dia hamoa ratsy izany, fa fantatra amin'ny voany ny hazo. [34]Ianareo taranaky ny menarana, satria ratsy fanahy ianareo, koa ahoana no afahanareo miteny zavatra tsara? Fa avy amin'ny haben'ny ao am-po no itenenan'ny vavany. [35]Ny olona tsara avy amin'ny harena tsara ao am-pony dia mamokatra izay tsara, ary ny olon-dratsy avy amin'ny harena ratsy ao am-pony dia mamokatra izay ratsy.
[36]Lazaiko aminareo fa amin'ny andron'ny fitsarana dia ho adinina amin'ny teny tsy voahevitra nolazainy avy ny olona.
[37]Fa ny teninao no hanamarinana anao, ary ny teninao no hanamelohana anareo."
[38]Avy eo nisy mpanora-dalàna sy Fariseo sasantsasany namaly an'i Jesosy ary niteny hoe: "Ry Mpampinatra, maniry ny ahita famatarana avy aminao izahay." [39]Fa namaly Jesosy ary niteny azy ireo hoe: "Misy taranaka ratsy fanahy sy mpijangajanga mitady famantarana. Kanefa tsy misy famatarana omena azy afa-tsy ny famataran'i Jaona mpaminany.
[40]Fa tahaka an'i Jonah izay telo andro sy telo alina tao an-kibon'ny trondro lehibe, dia ho toy izany koa no hitoeran'ny zanak'olona telo andro sy telo alina ao anatin'ny tany.
[41]Ireo olon'i Ninive dia hitsangana eo amin'ny fitsarana miaraka amin'ity taranaka ity ary hanameloka izany. Fa nibebaka izy ireo tamin'ny toritenin'i Jaonah, ary indro, misy olona lehibe noho jaonah eto.
[42]Ny mpanjakavavin'ny atsimo dia hiara-hitsangana amin'ireo lehilahin'ity taranaka ity amin'ny andron'ny fitsarana ary hanameloka izany. Tonga avy any amin'ny faran'ny tany izy mba handre ny fahendren'i Salomona, ary indro, misy olona lehibe noho Solomona eto.
[43]Rehefa nisy fanahy ratsy niala tao amin'ny lehilahy iray, dia mandalo tany karakaina izy ary mitady fitsaharana, nefa tsy mahita izany. [44]Izany dia milaza hoe: 'Hiverina any amin'ny tranoko izay nihaviako aho.' Ary nony tonga, dia nahita fa voafafa ny trano ary nilamina. [45]Avy eo dia nandeha izany ary nitondra fanahy ratsy fito niaraka taminy izay ratsy mihoatra azy, ka niditra nonina tao izy rehetra. Avy eo niha-ratsy noho ny voalohany ny fiafaran'izany lehilahy izany. Ary ho tahaka izany koa ny amin'ity taranaka ratsy fanahy ity."
[46]Raha mbola niteny tamin'ireo vahoaka Jesosy, dia indreo, ny reniny sy ireo rahalahiny nijoro tany ivelany, nitady hiresaka aminy. [47]Nisy olona iray niteny taminy hoe: "Jereo, ny reninao sy ireo rahalahinao mijoro ao ivelany, mitady iresaka aminao."
[48]Fa namaly Jesosy ary niteny tamin'ilay niteny Azy hoe, "Iza no reniko ary iza ireo rahalahiko?" [49]Avy eo nahijiny tamin'ireo mpianany ny tanany ary niteny hoe: "Jereo, indreto ny reniko sy ireo rahalahiko! [50]Fa izay manao ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra, dia izany olona izany no rahalahiko, sy ny anabaviko, ary reniko."

13 [1]Tamin'izany andro izany Jesosy nandeha nivoaka ny trano ary nipetraka teo amoron'ny ranomasina. [2]Nisy vahoaka maro niangona nanodidina Azy, ka dia niditra tao an-tsambokely Izy ary nipetraka tao amin'izany, raha nitsangana teo amoron-dranomasina kosa ny vahoaka rehetra.
[3]Avy eo Jesosy nilaza zavatra maro tamin'izy ireo tamin'ny alalan'ny fanoharana. Hoy Izy hoe: "Indro, nisy mpamboly iray nandeha nivoaka hamafy voa. [4]Raha izy namafy iny, dia nisy voa sasany latsaka teny amoron-dalana, ary tamy ireo vorona ka nandrapaka ireo. [5]Ireo voa hafa indray dia latsaka teny amin'ny tany be vato, izay tsy nahazoan'ireo nofon-tany tsara. Avy hatrany dia naniry ireo, satria tsy lalina ny tany. [6]Fa rehefa niposaka ny masoandro, dia maina ireo satria tsy nisy fakany, ary dia nalazo.
[7]Nilatsaka teo amin'ny tsilo ireo voa hafa. Naniry ireo tsilo ary nangenja azy ireo. [8]Ireo voa hafa nilatsaka tamin'ny tany tsara ary namoa voany, ny sasany avo zato heny, ny sasany enim-polo, ary ny sasany telo-polo. [9]Izay manan-tsofina, aoka izy hiaino."
[10]Tamy ireo mpianatra ary niteny an'i Jesosy hoe: "Nahoana Ianao no miresaka amin'ireo vahoaka amin'ny alalan'ny fanoharana?" [11]Namaly Jesosy ary niteny azy ireo hoe: "Ianareo no nomena tombony hahafantatra ireo zava-miafin'ny fanjakan'ny lanitra, fa ho azy ireo dia tsy nomena izany. [12]Satria na iza na iza manana, dia ho be kokoa aza no homena. Fa na iza na iza kosa tsy manana, na izay hananany aza ho esorina aminy.
[13]Izany no antony hiresahako amin'izy ireo amin'ny alalan'ny fanoharana: Na dia mijery aza izy ireo, dia tsy mahita; ary na dia mihaino aza izy ireo, dia tsy mandre, na mahazo. [14]Amin'izy ireo ny faminanian'Isaia no tanteraka, izay milaza hoe: 'Rehefa mihaino dia handre ianareo, saingy tsy hahazo mihitsy; rehefa mijery dia hahita ianareo, saingy tsy hahatakatra.
[15]Fa lasa donto ny fon'ity vahoaka ity, ary mafy sofina izy ireo, ary nakipin'izy ireo ny masony, mba tsy hahita amin'ny mason'izy ireo, na handre amin'ny sofin'izy ireo, na hahazo amin'ny fon'izy ireo, ka hibebaka indray izy ireo, ary hanasitrana azy ireo Aho.'
[16]Fa sambatra ny masonareo, satria mahita; ary ny sofinareo, satria mandre. [17]Lazaiko marina aminareo fa mpaminany sy olo-marina maro no naniry ny hahita ireo zavatra izay hitanareo, kanefa tsy nahita an'ireo. Naniry ny handre ireo zavatra izay renareo izy ireo, kanefa tsy nandre an'ireo.
[18]Koa mihainoa ary ny fanoharana ny amin'ny mpamboly iray izay namafy ny voany. [19]Rehefa misy mandre ny tenin'ny fanjakana kanefa tsy mahazo izany, dia tonga ilay ratsy ary manongotra izay nafafy tao am-pony. Io ilay voa nafafy teny amoron-dalana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Ilay nafafy teny amin'ny tany be vato dia ny olona izay mandre ny teny ary avy hatrany dia mandray azy am-pifaliana,
[21]saingy tsy mbola miorim-paka ao anatiny izy ary dia maharitra vetivety ihany. Rehefa tonga ny fahoriana na ny fanenjehana nohon'ny amin'ny teny, dia malaky tafintohina izy.
[22]Ilay nafafy teny amin'ny tsilo, io dia ny olona izay mandre ny teny, saingy ny fiahiahian'izao tontolo izao sy ny fitaky ny harena no mangeja ny teny, ary dia lasa tsy mamoa izy. [23]Ilay nafafy teo amin'ny tany tsara, io no olona izay mandre ny teny ary mahazo izany. Mamoa voankazo izy ary mahatonga ny voa iray, hanome avo zato heny mihoatra izay nambolena, ny sasany enim-polo, ny sasany avo telo-polo heny."
[24]Naneho fanoharana iray hafa tamin'izy ireo Jesosy. Hoy Izy hoe: "Ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny lehilahy iray izay namafy voa tsara tao amin'ny sahany. [25]Fa raha natory iny ny olona, dia tonga ny fahavalony ary namafy voan-tsimparifary ihany koa tao amin'ireo vary ary nandeha. [26]Rehefa nitsiry ireo vary ary avy eo namokatra ireo voany, dia nipoitra ihany koa ireo voan-tsimparifary.
[27]Tonga ireo mpanompon'ny tompon-tany ary niteny taminy hoe: 'Tompoko, tsy namafy voa tsara tao amin'ny sahanao va ianao? Nahoana izy ankehitriny no misy voan-tsimparifary?' [28]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: 'Nisy fahavalo nanao izany.' Hoy ireo mpanompo taminy hoe: 'Koa tianao va ny handehananay manongotra azy ireo?'
[29]Ilay tompon-tany niteny hoe: 'Tsia. Satria raha manongotra ireo tsimparifary ianareo, dia mety hanongotra ny fakan'ireo vary miaraka amin'ireo koa. [30]Avelao hiara-haniry izy roa hatramin'ny fijinjana. Amin'ny fotoam-pijinjana dia hiteny amin'ny mpijinja aho hoe: "Esory aloha ireo ahi-dratsy ary fehezo ho fatorana maromaro mba handorana azy ireo, fa angony ao amin'ny fitoeram-bokatro kosa ireo vary."'"
[31]Avy eo Jesosy naneho fanoharana iray hafa tamin'izy ireo. Hoy Izy hoe: "Ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny voatsinampy izay nalain'ny lehilahy iray ary nafafiny teo amin'ny sahany. [32]Io voa io tokoa no voa kely indrindra amin'ny voa hafa rehetra. Fa rehefa naniry izany, dia lehibe noho ireo zava-maniry ao amin'ny saha. Lasa hazo izany, mba hiavian'ireo voron'ny habakabaka ary hanao ny tranon'izy ireo eo amin'ireo rantsany."
[33]Avy eo Jesosy nilaza fanoharana iray hafa. "Ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny lalivay izay nalain'ny vehivavy iray ary nafangarony tamina lafarinina intelo famarana mandra-piakatry ny foto-koba manontolo."
[34]Fanoharana no nanambaran'i Jesosy ireo zava-drehetra ireo tamin'ny vahoaka; ary tsy nilaza na inona na inona tamin'izy ireo afa-tsy tamin'ny fanoharana Izy. [35]Izany dia mba hahatanteraka izay nolazaina tamin'ny alalan'ny mpaminany, rehefa niteny Izy hoe: "Izaho hiloa-bava amin'ny alalan'ny fanoharana. Hilaza zavatra izay nafenina hatrizay nanorenana izao tontolo izao Aho."
[36]Avy eo Jesosy nandao ireo vahoaka ary nankao an-trano. Nankeo aminy ireo mpianany ary niteny hoe: "Azavao aminay ny fanoharana momba ilay tsimparifarin'ny saha." [37]Namaly Jesosy ary niteny hoe: "Ilay mamafy voa tsara dia ny Zanak'Olona. [38]Ny saha dia izao tontolo izao; ary ny voa tsara, ireo no zanaky ny fanjakana. Ny tsimparifary dia ireo zanak'ilay ratsy, [39]ary ny fahavalo izay namafy azy ireo dia ny devoly. Ny fijinjana dia ny fiafaran'izao tontolo izao, ary ny mpijinja dia ireo anjely.
[40]Noho izany, tahaka ny anangonana sy andorana ireo tsimparifary amin'ny afo, no atao koa amin'ny fiafaran'izao tontolo izao. [41]Haniraka ireo anjeliny ny Zanak'Olona, ary ho angonin'izy ireo hiala amin'ny fanjakany ireo zavatra rehetra izay mahatonga fahotana, sy ireo izay manao ratsy. [42]Ho atsipin'izy ireo ao amin'ny lafaoro lehibe mirehitra afo izy ireo, izay hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify. [43]Avy eo hamiratra toy ny masoandro ao amin'ny fanjakan'ny Rain'izy ireo ny olo-marina. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino.
[44]Ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny harena izay miafina ao amin'ny saha iray. Nisy lehilahy nahita izany ary nafeniny. Nandeha tamin'ny hafaliany izy, nivarotra izay rehetra nananany, ary nividy io saha io. [45]Ary koa, ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny lehiahy izay mpivarotra mitady voahangy lafo vidy. [46]Rehefa nahita voahangy iray izay tena lafo vidy izy, dia nandeha ka nivarotra izay rehetra nananany ka nividy izany.
[47]Ary koa, ny fanjakan'ny lanitra dia toy ny harato izay natsipy tany an-dranomasina, ary nanangona ireo karazan-javamanan'aina rehetra. [48]Rehefa feno izany, dia nosintonin'ireo mpanarato ho eo amoron-dranomasina. Avy eo izy ireo nipetraka ka nanangona ireo zavatra tsara ho ao amin'ny fitoerany, fa ireo zavatra tsy ilaina kosa narian'izy ireo.
[49]Ho toy izany amin'ny fiafaran'izao tontolo izao. Ho avy ireo anjely ary hanasaraka ireo ratsy fanahy amin'ireo marina.
[50]Ho atsipin'izy ireo ao amin'ny fandoroana lehibe mirehitra afo izy ireo, izay hisy ny fitomaniana sy fikitroha-nify.
[51]Azonareo ve izany zavatra rehetra izany?" Hoy ireo mpianany taminy hoe: "Eny." [52]Avy eo Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Noho izany ny mpanora-dalana rehetra izay lasa mpianatra eo amin'ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny lehilahy tompon-trano iray, izay mamoaka ireo zavatra tranainy sy ireo zavatra vaovao avy ao amin'ny hareny." [53]Avy eo rehefa nahavita ireo fanoharana ireo Jesosy, dia niala tamin'izany toerana izany Izy.
[54]Avy eo Jesosy niditra tao amin'ny taniny manokana ary nampianatra ireo vahoaka tao amin'ny synagogan'izy ireo. Vokatr'izany dia talanjona izy ireo ary niteny hoe: "Avy aiza no ahazoan'ity lehilahy ity ny fahendreny sy ireo fahagagana ireo? [55]Tsy io lehilahy io va no zanak'ilay mpandrafitra? Tsy Maria va no hiantsoana ny reniny? Tsy Jakoba, Josefa, Simona, ary Jodasy va no rahalahiny? [56]Tsy miaraka amintsika va ireo anabaviny rehetra? Avy aiza no nahazoany ireo zavatra rehetra ireo?"
[57]Tohina nohon'ny aminy izy ireo. Fa hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Tsy misy mpaminany tsy misy hajany raha tsy ao amin'ny fireneny sy ao amin'ny fianakaviany ihany." [58]Tsy dia nanao fahagagana be tao Izy nohon'ny tsy finoan'izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

14 [1]Tamin'izany fotoana izany, Heroda mpanapaka nandre ny vaovao momba an'i Jesosy. [2]Hoy izy tamin'ireo
mpanompony hoe: "I Jaona mpanao batisa izany; nitsangana tamin'ny maty izy. Noho izany dia miasa ao aminy ireo hery ireo."
[3]Fa Heroda nisambotra an'i Jaona, namatotra azy, ary nandefa azy tany an-trano maizina noho i Herodiasy, vadin'i Filipo rahalahiny. [4]Fa hoy Jaona taminy hoe: "Tsy ara-dalana ho anao ny manana azy ho vadinao." [5]Naniry ny hamono azy Heroda, saingy natahotra ireo vahoaka izy, satria noraisin'izy ireo toy ny mpaminany izy.
[6]Fa rehefa tonga ny fitsingerenan'ny andro nahaterahan'i Heroda, dia nandihy teo afovoan'ireo vahiny nasaina ny zanaka vavin'i Herodiasy ka nahafinaritra an'i Heroda. [7]Ho setrin'izany, dia nampanantena tamin'ny fianianana izy ny hanome izay hangatahiny na inona na inona.
[8]Rehefa avy notoroan’ny reniny marika, dia hoy izy hoe: "Omeo ahy eto, ambonin'ny lovia, ny lohan'i Jaona mpanao Batisa." [9]Nalahelo mafy nohon'ny fangatahany ny mpanjaka, saingy nohon'ny voadiny sy noho ireo rehetra nisakafo niaraka taminy, dia nanome baiko izy fa tokony ho vita izany.
[10]Naniraka ka nanapaka ny lohan'i Jaona tao an-tranomaizina izy. [11]Avy eo nentina tamin'ny lovia ny lohany ary nomena ilay zazavavy ary nentiny teo amin'ny reniny izany. [12]Avy eo dia tonga ireo mpianany, naka ilay faty, ary nandevina izany. Taorian'izany, dia nandeha izy ireo ary nilaza tamin'i Jesosy.
[13]Ary rehefa nandre izany Jesosy, dia niala avy teo tamina sambokely iray izy hankany amina toerana mitokana iray. Rehefa nandre izany ireo vahoaka, dia nanaraka Azy an-tongotra avy tany amin'ireo tanàn-dehibe. [14]Avy eo Jesosy nankeo anoloan'izy ireo ary nahita ireo vahoaka maro be. Nangoraka azy ireo Izy ary nanasitrana ny aretin'izy ireo.
[15]Rehefa tonga ny hariva, dia nankeo aminy ireo mpianatra ary niteny hoe: "Ity dia toerana foana, ary efa tapitra sahady ny andro. Alefao ireo vahoaka, mba hahafahan'izy ireo mandeha any amin'ireo tanàna ary hividy sakafo ho an'ny tenan'izy ireo."
[16]Fa Jesosy niteny azy ireo hoe: "Tsy mila mandeha lavitra izy ireo. Omenareo zavatra hanina izy ireo." [17]Hoy izy ireo taminy hoe: "Mofo dimy sy hazandrano roa ihany no hanananay eto." [18]Hoy Jesosy hoe: "Ento aty amiko izany."
[19]Avy eo Jesosy nibaiko ireo vahoaka mba hipetraka eo amin'ny bozaka. Nalainy ireo mofo dimy sy hazandrano roa. Niandrandra tany an-danitra, dia nisaotra Izy ary nanapaka ireo mofo ka nomeny ireo mpianatra, ary ireo mpianatra nanome izany ho an'ireo vahoaka. [20]Nihinana avokoa izy rehetra ary voky. Avy eo dia nangonin'izy ireo ny sisan'ireo poti-tsakafo ka nahafeno roambinifolo harona. [21]Teo amin'ny dimy arivo lahy teo ireo nihinana, ankoatra ireo zaza amam-behivavy.
[22]Avy hatrany dia nasainy nankao amin'ny sambokely ary handeha hialoha Azy ho eny ampita ireo mpianany, raha mbola nandefa ireo vahoaka Izy. [23]Taorian'ny nandefasany ireo vahoaka, dia nandeha niakatra teny an-tendrombohitra irery Izy mba hivavaka. Rehefa tonga ny hariva, dia irery teo Izy. [24]Ary ny sambo dia efa lasa lavitry ny tanety, natopatopan'ny onja, satria nitsoka nanohitra azy ireo ny rivotra.
[25]Tamin'ny fiambenana fahefatry ny alina dia nanatona azy ireo Jesosy, nandeha teny ambony ranomasina. [26]Rehefa nahita Azy nandeha teny ambony ranomasina ireo mpianatra, dia raiki-tahotra ka niteny hoe: "Matotoa io," ary dia nihiakiaka tamin-tahotra izy ireo. [27]Fa Jesosy niteny tamin'izy ireo avy hatrany hoe: "Mahereza! Izaho ity! Aza matahotra."
[28]Namaly Azy Petera ka nanao hoe: "Tompo, raha Ianao io, dia asaivo manatona Anao eny ambonin'ny rano aho." [29]Hoy Jesosy hoe: "Manatona" Koa dia niala avy tao amin'ny sambokely Petera ary nandeha teo ambony rano mba hanatona an'i Jesosy. [30]Fa rehefa nahita ny rivotra Petera, dia lasa natahotra. Raha iny izy nanomboka nilentika iny, dia nihiaka mafy izy sady niteny hoe: "Tompo, vonjeo aho!"
[31]Avy hatrany Jesosy dia naninjitra ny tànany, nihazona an'i Petera, ary niteny taminy hoe: "Ianao ry kely finoana, fa maninona ianao no niahiahy?" [32]Avy eo Jesosy sy Petera nandeha nihazo ny sambokely, nitsahatra nitsoka ny rivotra.
[33]Avy eo ireo mpianatra tao anaty sambokely nidera an'i Jesosy ary niteny hoe: "Ianao marina no Zanak'Andriamanitra."
[34]Rehefa avy niampita izy ireo, dia tonga teny an-tanety tao Genesareta. [35]Rehefa nahafantatra an'i Jesosy ireo lehilahy tao amin'izany toerana izany, dia nandefa hafatra teny amin'ny faritra manodidina rehetra, ary nentin'izy ireo teo Aminy izay olona narary rehetra. [36]Nitalaho Taminy izy ireo mba hahafahan'izy ireo mikasika ny moron'akanjony fotsiny ihany, ary maro ireo nikasika izany ka sitrana.

15 [1]Avy eo nisy Fariseo sy mpanora-dalana sasatsasany avy any Jerosalema nanatona an'i Jesosy. Hoy izy ireo hoe:
[2]"Nahoana ireo mpianatrao no mandika ny fomban-drazan'ireo zoky olona? Fa tsy manasa ny tanany izy ireo mialohan'ny hisakafo." [3]Namaly Izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Koa nahoana ary ianareo no mandika ny lalàn'Andriamanitra nohon'ny fomban-drazanareo?
[4]Fa Andriamanitra niteny hoe: 'Hajao ny rainao sy ny reninao', ary 'Izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny, dia ho faty tokoa.' [5]Fa ianareo miteny hoe: 'Na iza na iza milaza amin'ny rainy na reniny hoe: "Na inona na inona fanampiana izay azonareo avy amiko dia fanomezana ho an'Andriamanitra ankehitriny,'" [6]izany olona izany dia tsy mila manaja ny rainy. Amin'izany fomba izany dia nofoananareo ny tenin'Andriamanitra nohon'ny tombontsoan'ireo fomban-drazanareo.
[7]Ry mpihatsaravelatsihy! Marina ny faminanian'Isaia momba anareo raha nilaza izy hoe: [8]'Ity vahoaka ity dia manaja ahy amin'ny molotr'izy ireo, fa ny fon'izy ireo dia lavitra ahy. [9]Tsy misy dikany ny fiderany ahy, satria izy ireo mampianatra ny didin'olombelona toy ny fampianaran'izy ireo.'"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Avy eo niantso ny vahoaka ho eo Aminy Izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Mihainoa ka mahazoa - [11]Tsy ny miditra ao ambavan'ny olona no mandoto ny olona. Fa kosa, izay aloaky ny vava, no mandoto ny olona."
[12]Avy eo nanatona ireo mpianatra ary niteny tamin'i Jesosy hoe: "Moa va fantatrao fa tohina ireo Fariseo nohon'ny nandre izany teny izany?" [13]Jesosy namaly ka niteny hoe: "Ireo zava-maniry izay tsy nambolen'ilay Raiko any an-danitra dia ho fongorina avokoa. [14]Avelao izy ireo ho eo, izy ireo dia mpitarika jamba. Raha misy olona jamba iray mitarika jamba iray hafa, dia samy hivarina an-kady izy roa."
[15]Petera namaly ka niteny tamin'i Jesosy hoe: "Azavao aminay izany fanoharana izany." [16]Hoy Jesosy hoe: Tsy manam-pahalalana ihany koa ve ianareo?" [17]Tsy hitanao va fa izay miditra amin'ny vava dia mankao an-kibo ary avy eo dia havoaka any amin'ny lava-piringy?
[18]Fa ireo zavatra izay aloaky ny vava dia avy amin'ny fo. Ireo zavatra ireo no mandoto ny olona iray. [19]Fa avy amin'ny fo no ivoahan'ny sain-dratsy, ny vono olona, ny fijangajangana, ny fakam-badin'olona, ny halatra, ny fijoroana vavolombelona tsy marina, ary ny fitenenan-dratsy. [20]Ireo zavatra ireo no mandoto ny olona iray. Fa ny mihinana amin'ny tanana tsy misasa dia tsy mandoto ny olona iray."
[21]Avy eo Jesosy niala teo ka niverina tany amin'ny faritanin'i Tyro sy Sidona. [22]Indro, nisy vehivavy Kananita anankiray avy amin'izany faritra izany. Niantso mafy izy ary niteny hoe: "Mamindrà fo amiko, ry Tompo, Zanak'i Davida o! Ny zanako vavy dia ampahorin'ny demonia mafy." [23]Fa Jesosy tsy namaly teny azy. Nanatona ireo mpianany ka niangavy Taminy, nanao hoe: "Roahy izy, fa mitabataba mafy amintsika."
[24]Fa Jesosy namaly ary niteny hoe: "Tsy nirahina ho an'iza na iza Aho afa-tsy ho an'ny ondry very ao amin'ny ankohonan'Isiraely." [25]Fa tonga nangataka sy niankohaka teo anatrehany izy, nanao hoe: "Tompo, vonjeo aho." [26]Namaly Izy ka nanao hoe: "Tsy rariny raha alaina ny mofon-jaza ka atsipy ho an'ny amboa."
[27]Fa hoy izy hoe: "Eny, Tompo, fa na dia ny amboa aza mba mihinana izay sombintsombiny latsaka avy amin'ny latabatry ny tompony." [28]Dia namaly Jesosy ary niteny taminy hoe: "Ravehivavy, lehibe ny finoanao; ho tanteraka aminao anie izany araka izay irinao." Dia sitrana ny zanany vavy tamin'izany ora izany.
[29]Niala teo Jesosy ka nankeny akaikin'ny ranomasin'ny Galilia. Avy eo dia niakatra teny an-tendrombohitra iray Izy ka nipetraka teo. [30]Vahoaka maro no nanatona Azy. Noentin'izy ireo niaraka tamin'izy ireo ny mandringa, ny jamba, ny moana, ny kilemaina, ary marary maro hafa koa. Napetrak'izy ireo teo an-tongotr'i Jesosy ireo; ka dia nositraniny. [31]Koa dia talanjona ny vahoaka raha nahita ireo moana miteny, ny kilemaina sitrana, ny malemy afaka mandeha, ary ny jamba mahiratra. Nankalaza ny Andriamanitr'Israely izy ireo.
[32]Niantso ireo mpianany mba hanatona Azy Jesosy ary niteny hoe: "Mangoraka ireo vahoaka Aho, satria efa telo andro sahady izy ireo no nipetraka niaraka tamiko nefa tsy manan-ko hanina. Tsy te handefa azy ireo tsy misakafo Aho, fandrao mety ho torana eny an-dalàna eny." [33]Hoy ireo mpianatra Taminy hoe: "Aiza no hahitanay mofo sahaza sy ampy ireo vahoaka maro be ireo aty an'efitra?" [34]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Mofo firy no any aminareo?" Ary hoy izy ireo hoe: "Fito, sy hazandrano madinika vitsy." [35]Avy eo Jesosy nandidy ny vahoaka mba hipetraka amin'ny tany.
[36]Nandray ny mofo fito mbamin'ny hazandrano Izy, ary rehefa nisaotra, dia namaky ny mofo ka nanolotra ireo ho an'ireo mpianatra. Ireo mpianatra nanome ho an'ny vahoaka. [37]Nihinana ka afa-po ny vahoaka rehetra. Avy eo izy ireo nanangona sobika fito feno sombintsombiny izay tsy lany. [38]Ireo izay nihinana dia efatra arivo lahy, tsy ao anatiny ny zaza amam-behivavy. [39]Avy eo Jesosy nampody ny vahoaka ka niondrana an-tsambokely ary dia nankany amin'ny faritr'i Magadana.

16 [1]Tonga ireo Fariseo sy Sadoseo ary nitsapa Azy ka nangataka Azy mba hampiseho azy ireo famantarana avy any an-danitra. [2]Fa Izy namaly ary niteny azy ireo hoe: "Rehefa hariva, dia hoy ianareo hoe: 'Ho tsara ny andro, fa mena ny lanitra.'
[3]Rehefa maraina, dia hoy ianareo hoe: 'Ho ratsy ny andro, fa mena sy manjombona ny lanitra.' Hainareo ny mamantatra ny endriky ny lanitra, fa ianareo tsy afaka mandika ireo famantarana ny fotoana. [4]Ny taranaka ratsy sy mpijangajanga dia mitady famantarana, fa tsy hisy famantarana homena azy ankoatra ny famantaran'i Jona." Avy eo Jesosy nandao azy ireo ka lasa.
[5]Rehefa tonga teny ampita ireo mpianatra, dia adinon'izy ireo ny nitondra mofo. [6]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Miambena ary mitandrema amin'ny masirasiran'ireo Fariseo sy Sadoseo." [7]Niady hevitra ireo mpianatra ka nilaza hoe: "Noho isika tsy nitondra mofo izany." [8]Jesosy nahafantatra izany ka niteny hoe: "Ianareo ry kely finoana, nahoana ianareo no miady hevitra aminareo ka miteny fa nohon'ny tsy nitondranareo mofo izany?
[9]Mbola tsy fantatrareo na tsaroanareo va ny mofo dimy ho an'ny dimy arivo, ary sobika firy no nangoninareo? [10]Na ireo mofo fito ho an'ireo efatr'arivo, ary sobika firy no nalainareo?
[11]Ahoana no tsy ahazoanareo fa tsy momban'ny mofo no nolazaiko anareo? Miambena ary mitandrema amin'ny masirasiran'ireo Fariseo sy Sadoseo." [12]Avy eo azon'izy ireo fa tsy hitandrina amin'ny masirasiran'ny mofo no nolazainy azy ireo, fa hitandrina ny amin'ny fampianaran'ireo Fariseo sy Sadoseo.
[13]Ary rehefa tonga tany amin'ny faritra akaikin'ny Kaisaria-filipo Jesosy, dia nanontany ireo mpianany Izy, manao hoe: "Ataon'ny olona ho iza moa ny Zanak'Olona?" [14]Hoy izy ireo hoe: "Ny sasany milaza fa Jaona mpanao batisa; ny sasany,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Elia; ary ireo hafa, Jeremia, na iray amin'ireo mpaminany." [15]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Fa ianareo kosa manao Ahy ho iza?" [16]Namaly, Simona Petera nanao hoe: "Ianao no Kristy, Zanak'ilay Andriamanitra velona."
[17]Namaly Jesosy ka nanao taminy hoe: "Sambatra ianao, ry Simona Bar-Jona, fa tsy ny nofo sy rà no naneho izany taminao, fa ny Raiko izay any an-danitra. [18]Lazaiko aminao ihany koa fa ianao no Petera, ary ambonin'ity vatolampy ity no hanorenako ny fiangonako. Ny vavahadin'ny fasana dia tsy haharesy izany.
[19]Homeko anareo ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra. Na inona na inona fehezinao eto ambonin'ny tany dia ho fehezina any an-danitra, ary na inona na inona vahanao ety an-tany dia ho vahana any an-danitra." [20]Avy eo Jesosy nandidy ireo mpianatra fa izy ireo dia tsy tokony hilaza na amin'iza na iza fa Izy no Kristy.
[21]Tamin'izany fotoana izany Jesosy nanomboka niteny ireo mpianany fa tsy maintsy ho any Jerosalema Izy, hizaka fijaliana maro eo an-tanan'ny loholona sy ny lohan'ny mpisorona ary ireo mpanora-dalàna, ho vonoina, sy hatsangana indray amin'ny andro fahatelo. [22]Avy eo Petera naka Azy ka niteny mafy Azy, manao hoe: "Ho lavitra anao anie izany, ry Tompo; tsy hitranga aminao mihintsy anie izany." [23]Fa Jesosy nitodika ka niteny tamin'i Petera hoe: "Mialà any ivohoko, ry Satana! Ianao dia fanafintohinana ho Ahy, noho ianao tsy miraharaha ireo zavatr'Andriamanitra, fa ireo zavatrin'ny olona."
[24]Avy eo Jesosy niteny tamin'ireo mpianany hoe: "Raha misy te-hanaraka Ahy, dia tsy maintsy mandà ny tenany izy, hitondra ny hazofijaliany, ary manaraka Ahy. [25]Fa na iza na iza te-hamonjy ny ainy dia hahavery azy, ary na iza na iza no hahavery ny ainy nohon'ny amiko, dia hahazo izany. [26]Fa inona moa no soa ho azon'ny olona raha mahazo izao tontolo izao kanefa very ny ainy? Inona no omen'ny olona ho takalon'ny ainy?
[27]Fa ny Zanak'Olona dia ho avy amin'ny voninahitry ny Rainy miaraka amin'ireo anjeliny. Avy eo Izy hamaly soa ny olona tsirairay araka izay vitany. [28]Lazaiko marina aminareo, fa misy sasany aminareo izay mijoro eto no tsy hitsapa ny fahafatesana mandrapahitan'izy ireo ny Zanak'Olona tonga amin'ny fanjakany."

17 [1]Enin'andro taty aoriana Jesosy dia naka an'i Petera, Jakoba, sy Jaona rahalahiny niaraka taminy, ary nitondra azy ireo niakatra ny tendrombohitra avo tamin'ny tenan'izy ireo. [2]Niova endrika teo anoloan'izy ireo Izy. Namiratra toy ny masoandro ny tavany, ary ireo fitafiany lasa namiratra toy ny hazavana.
[3]Indro, niseho tamin'izy ireo Mosesy sy Elia niresaka taminy. [4]Namaly Petera ary nanao tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, tsara amintsika ny eto. Raha sitrakao, dia hanao fialofana telo ho antsika eto aho - iray ho anao, iray ho an'i Mosesy, ary iray ho an'i Elia."
[5]Raha mbola niteny Izy, indro, nisy rahona mazava nanarona azy ireo, ary indro, nisy feo nivoaka avy tao amin'ny rahona, nanao hoe: "Ity ny Zanako malalako, izay sitrako tokoa. Henoy Izy." [6]Rehefa ren'ireo mpianatra izany, dia lavo izy ireo ary natahotra mafy. [7]Avy eo tamy Jesosy ary nikasika azy ireo ka niteny hoe: "Mitsangàna ary aza matahotra." [8]Avy eo dia nijery ambony izy ireo fa tsy nahita na iza na iza afa-tsy Jesosy irery ihany.
[9]Raha nidina ny tendrombohitra izy ireo, dia nandidy azy ireo Jesosy, nanao hoe: "Aza mitatitra izao fahitana izao na amin'iza na iza mandra-pitsangan'ny Zanak'Olona amin'ny maty." [10]Nanontany Azy ireo mpianany, nanao hoe: "Nahoana ary ireo mpanora-dalàna no milaza fa Elia dia tsy maintsy ho avy aloha?"
[11]Jesosy namaly ary niteny hoe: "Elia dia ho avy tokoa ary hamerina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra. [12]Nefa lazaiko aminareo, fa efa tonga Elia, fa izy ireo tsy nahafantatra azy. Mifanohitra amin'izany, nanao ny zavatra rehetra izay tiany natao taminy izy ireo. Ary toy izany ihany koa, ny Zanak'Olona ihany koa dia hijaly eo an-tanan'izy ireo. [13]Avy eo dia azon'ireo mpianatra fa niteny tamin'izy ireo ny momba an'i Jaona mpanao Batisa Izy.
[14]Rehefa tonga teo amin'ny vahoaka izy ireo, dia nisy lehilahy iray nanatona Azy, nandohalika teo anoloany, ary niteny hoe, [15]"Tompo, manàna famindram- po amin'ny zanako lahy, fa voan'ny androbe izy ary mijaly mafy. Fa mianjera matetika any anaty afo na rano izy. [16]Nitondra azy teo amin'ireo mpianatrao aho, fa tsy afaka nanasitrana azy izy ireo."
[17]Namaly Jesosy ary niteny hoe: "Ry taranaka tsy mpino sy simba toetra, mandra-pahoviana no tokony hitoerako miaraka aminareo? Mandra-pahoviana no tsy maintsy izakako miaraka aminareo? Ento eto amiko izy." [18]Niteny mafy ny demonia Jesosy, ka nivoaka taminy izany ary dia sitrana tamin'izany ora izany ilay zazalahy.
[19]Dia nanatona an'i Jesosy mangingina ireo mpianatra ary nanao hoe: "Maninona no tsy nahavita namoaka an'iny izahay?" [20]Jesosy niteny azy ireo hoe: "Noho ny finoana kelinareo. Fa lazaiko marina aminareo, raha manana finoana na dia kely toy ny voatsinampy aza ianareo, dia afaka miteny amin'ity tendrombohitra ity ianareo hoe: 'Mifindrà avy eto ho etsy,' dia hifindra izany ary tsy hisy na inona na inona tsy ho hainareo atao. [21]1
[22]Raha nitoetra tany Galilia izy ireo, dia hoy Jesosy tamin'ireo mpianany hoe: "Ny Zanak'Olona dia hatolotra eo an-tanan'ny olona, [23]ary izy ireo hamono Azy, ary ny andro fahatelo dia hatsangana Izy." Lasa nalahelo tanteraka ireo mpianatra.
[24]Rehefa tonga tany Kaperinaomy izy ireo, dia nankeo aminí Petera ireo lehilahy izay nanangona ny hetra atsasaky ny sekely ary niteny hoe: "Tsy mandoa ny hetra atsasaky ny sekely ve ny mpampianatrareo?" [25]Hoy izy hoe: "Eny." Fa rehefa niditra tao an-trano Petera, dia Jesosy aloha no niresaka taminy ka nanao hoe: "Inona no eritreritrao, ry Simona? Ireo mpanjaka eto an-tany, avy amin'iza no andraisan'izy ireo hetra na hetran'olona? Avy amin'ireo vahoakany va sa avy amin'ireo vahiny?"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Rehefa niteny Petera hoe: "Avy amin'ireo vahiny," Dia hoy Jesosy taminy hoe: "Dia afaka amin'ny fandoavana izany ireo vahoaka. [27]Fa mba tsy hampanotantsika ny mpamory hetra, dia mandehana any amin'ny ranomasina, manipàza fitana ao, ary alaivo ny trondro izay miakatra voalohany. Rehefa voasokatrao ny vavany, dia hahita sekely ianao. Alaivo izany ary omeo ireo mpamory hetra ho Ahy sy ho anao."

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha tsara indrindra dia tsy ahitana ny hoe v. 21. "Fa ity karazana demonia ity dia tsy mivoaka raha tsy miaraka amin'ny vavaka sy fifadian-kanina."

---

18 [1]Tamin'izany fotoana izany ihany dia tonga teo amin'i Jesosy ireo mpianany ary niteny hoe: "Iza no lehibe indrindra any amin'ny fanjakan'ny lanitra?" [2]Jesosy niantso ankizy kely ho eo aminy, nametraka azy teo amin'izy ireo, [3]ary niteny hoe: "Lazaiko marina aminareo, fa raha tsy miova toy ireo ankizy kely ianareo, dia tsy hisy hevitra ny hidiranareo any amin'ny fanjakan'ny lanitra.
[4]Noho izany, na iza na iza manetry tena toy ity ankizy kely ity dia lehibe indrindra izy any amin'ny fanjakan'ny lanitra.
[5]Na iza na iza mandray ny ankizy kely toy izao amin'ny anarako dia mandray Ahy. [6]Fa na iza na iza mahatonga ny iray amin'ireto ankizy kely ireto izay mino Ahy hanota, dia ho tsara kokoa ho azy ny hiantonan'ny fikosoham-bary lehibe eo amin'ny vozony, ka halentika any amin'ny ranomasina lalina izy.
[7]Loza ho an'izao tontolo izao nohon'ny fotoanan'ny fanafintohinana! Fa ilaina ny ahatongavan'izany fotoana izany, nefa loza ho an'ny olona izay niavian'izany fotoana izany! [8]Raha miteraka fanafintohina ho anao ny tananao na ny tongotrao, dia tapaho izany ary esory eo aminao. Tsara kokoa ho anao ny miditra kilemaina na mandringa any amin'ny fiainana mandrakizay noho ny ho very any amin'ny afo tsy mety maty amin'ny fanana tanana roa na tongotra roa.
[9]Raha miteraka fanafintohinana ho anao ny masonao iray, hongoty izany ary esory eo aminao. Tsara kokoa ho anao ny miditra any amin'ny fiainana mandrakizay miaraka amin'ny maso ila noho ny hoe very any amin'ny afo tsy mety maty miaraka amin'ny maso roa.
[10]Tandremo tsy hanao tsinotsinona ireo ankizy madinika ireo ianareo. Fa milaza aminareo Aho fa any an-danitra ireo anjeliny dia mijery foana ny endriky ny Raiko izay any an-danitra. [11][1]
[12]Inona no eritreritrareo? Raha misy manana manana ondry zato, ka mankany amin'ny lalan-diso ny iray amin'izy ireo, dia tsy handao ny sivy amby sivifolo eo amin'ny avoana va izy ary andeha hikaroka ilay iray izay nankany amin'ny lalan-diso? [13]Raha hitany izany, dia lazaiko marina aminareo, fa mifaly amin'izany mihoatra noho ireo sivy amby sivifolo izay tsy nankany amin'ny lalan-diso izy. [14]Toy izany ihany koa, tsy sitraky ny Rainareo any an-danitra ny hahavery ny iray amin'ireo madinika ireo.
[15]Raha manota aminao ny rahalahinao, mandehana ary lazao azy ny hadisoany, aminao sy izy irery ihany. Raha mihaino anao izy, dia hifankahazo amin'ny rahalahinao indray ianao. [16]Kanefa raha tsy mihaino anao izy, dia mangalà iray na roa hafa miaraka aminao, amin'izay mba amin'ny vavan'ireo vavolombelona roa na telo no ahafahana manamarina ny teny rehetra.
[17]Ary raha mandà ny hihaino azy ireo izy, dia lazao amin'ny fiangonana ny zava-mitranga. Raha tsy manaiky hiaino ny fiangonana ihany koa izy, dia avelao izy ho toy ny Jentilisa sy ny mpamory hetra.
[18]Lazaiko marina aminareo, na inona na inona fehezinareo ety an-tany dia ho fehezina any an-danitra; ary na inona na inona avelanareo eto an-tany dia ho voavela any an-danitra. [19]Dia mbola lazaiko aminareo indray hoe: "Raha misy roa aminareo manaiky eto an-tany ny amin'izay rehetra angatahan'izy ireo, dia ho atao ho azy ireo izany amin'ny alalan'ny Raiko izay any an-danitra. [20]Fa na aiza misy roa na telo miara-mivory amin'ny Anarako, dia eo afovoan'izy ireo eo Aho."
[21]Avy eo nanatona Petera ary niteny tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, impiry hanota amiko ny rahalahiko ka hamela azy aho? Hatramin'ny im-pito va?" [22]Jesosy niteny azy hoe: "Tsy miteny aminao Aho hoe im-pito, fa hatramin'ny fitopolo im-pito.
[23]Noho izany ny fanjakan'ny lanitra dia mitovy amin'ny mpanjaka iray izay te hifandamina ara-bola miaraka amin'ireo mpanompony. [24]Raha vao nanomboka ny fandaminana izy, dia nisy mpanompo iray nentina teo aminy izay nananany talenta iray alina. [25]Nefa satria tsy nanana fomba handoavana izany izy, dia nandidy ny hamarotana azy ny tompony, miaraka amin'ny vadiny sy ireo zanany ary izay hananany rehetra, ka ho vita ny fandoavan-trosa.
[26]Noho izany dia niondrika ilay mpanompo, ary niankohoka teo anoloany, ary niteny hoe: 'Tompo, manàna faharetana amiko, dia haloako aminao ny zavatra rehetra.' [27]Noho izany ny tompon'izany mpanompo izany, dia onena, ka nanafaka azy ary namela ny trosa taminy.
[28]Fa nivoaka io mpanompo io ka nahita ny iray tamin'ireo mpiara-manompo aminy, izay nananany dinaria zato. Nosamboriny izy, noraisiny tamin'ny tendany, ary niteny hoe: 'Aloavy amiko izay notrosainao.' [29]Nefa niondrika io mpiara-manompo aminy io ary nitalaho taminy, nanao hoe: 'Manàna faharetana amiko, dia haloako aminao indray.'
[30]Kanefa nandà ilay mpanompo voalohany. Mifanohitra amin'izany, nandeha izy ary nataony tany am-pigadrana ilay mpiara-manompo aminy mandra-pahaloany aminy izay notrosainy. [31]Rehefa nahita izay niseho ireo mpiara-manompo aminy, dia nalahelo tokoa izy ireo. Nandeha ary nilaza tamin'ny tompony izay rehetra niseho izy ireo.
[32]Avy eo niantso azy ny tompon'io mpanompo io, ary niteny azy hoe: 'Ianao ry mpanompo ratsy fanahy, namela ny trosa rehetra taminao aho satria ianao nitalaho tamiko. [33]Tsy tokony hanana famindram-po amin'ny mpiara-manompo aminao va ianao, toy ny nananako famindram-po taminao?'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[34]Tezitra ny tompony ary nitondra azy tany amin'ireo mpampijaly mandra-pahaloany izay rehetra notrosainy. [35]Toy izany ihany koa no ho ataon'ny Raiko any an-danitra aminareo, raha tsy mamela ny rahalahiny amin'ny fony ny tsirairay avy aminareo."

1Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha tsara indrindra dia tsy ahitana ny fehezanteny izay miseho toy ny v. 11. hoe: "Fa ny Zanak'Olona dia tonga mba hamonjy izay very."

---

19 [1]Ary rehefa nahavita ireo teny ireo Jesosy, niala tany Galilia Izy, ary nankany amin'ny faritr'i Jodia izay tany andafin'ny reniranon'ny Jordana. [2]Vaohaka maro no nanaraka Azy, ka nanasitrana azy ireo tany Izy.
[3]Nanatona Azy ireo fariseo, nitsapa Azy, niteny taminy hoe: "Ara-dalàna ho an'ny lehilahy va ny misaraka amin'ny vadiny noho izay mety ho antony rehetra?" [4]Jesosy namaly ary niteny hoe: "Tsy novakianareo va fa Izy izay nanao azy ireo tamin'ny voalohany dia nanao azy ireo ho lahy sy vavy?
[5]Izy Izay nanao azy ireo dia niteny ihany koa hoe: 'Fa noho izany antony izany dia handao ny rainy sy reniny ny lehilahy ka hikambana amin'ny vadiny, ary ho lasa nofo iray izy roa?' [6]Ka tsy ho roa intsony izy ireo, fa ho nofo iray. Ka izay natambatr' Andriamanitra, aoka tsy hisy hanasaraka."
[7]Hoy izy ireo taminy hoe: "Nahoana izany Mosesy no mandidy anay hanome taratasy fanamarinam-pisarahana ary avy eo hampody azy?" [8]Hoy Izy tamin'ireo hoe: "Fa ny hamafisam-ponareo no namelan'i Mosesy anareo hisaraka amin'ny vadinareo, fa tamin'ny voalohany dia tsy izany no fomba. [9]Lazaiko anareo, na iza na iza misaraka amin'ny vadiny, afa-tsy nohon'ny fijangajangana, ka manambady hafa, dia manitsakitsa-bady; ary ny lehilahy manambady vehivavy izay efa nisara-bady dia mijangajanga."
[10]Ireo mpianatra niteny tamin'i Jesosy hoe: "Raha izany no toetran'ny lehilahy amin'ny vadiny, dia tsy tsara ny manambady." [11]Fa Jesosy niteny tamin'ireo hoe: "Tsy ny olona rehetra no afaka manaiky izany fampianarana izany, fa ireo izay navela hanaiky izany ihany. [12]Fa misy ireo ionoka izay efa toy izany hatrany an-kibon-drenin'izy ireo, ary misy ireo ionoka izay nataon'olombelona, ary misy ireo ionoka izay manao ny tenan'izy ireo ho ionoka nohon'ny fanjakan'ny lanitra. Izy izay afaka mandray izany fampianarana izany, aoka izy handray izany."
[13]Avy eo nisy ankizy madinika sasantsasany noentina teo aminy mba hametrahany tanana amin'izy ireo ka hivavaka, fa niteny mafy azy ireo ireo mpianatra. [14]Fa hoy Jesosy hoe: "Avelao ny ankizy madinika, ary aza raràna izy ireo hanatona Ahy, satria ny fanjakan'ny lanitra dia an'ny toy azy ireo." [15]Napetrany teo amin'ireo ankizy ny tanany, ary avy eo niala teo Izy.
[16]Indro, nisy lehilahy nanatona an'i Jesosy ary niteny hoe: "Mpampianatra, Inona no zavatra tsara tsy maintsy ataoko mba hahazoako ny fiainana mandrakizay?" [17]Jesosy niteny taminy hoe: "Nahoana ianao no manontany momba izay tsara aty amiko? Iray ihany no tsara, fa raha te-hididtra any amin'ny fiainana ianao, dia tandremo ireo didy."
[18]Hoy ilay lehilahy taminy hoe: "Didy inona?" Dia hoy Jesosy hoe: "Aza mamono olona, aza mijangajanga, aza mangalatra, aza mety vavolombelona diso, [19]hajao ny rainao sy ny reninao, ary tiavo ny mpiara-belona aminao tahaka ny tenanao."
[20]Ilay zatovo niteny taminy hoe: "Efa nankatoaviko avoko izany rehetra izany. Inona no mbola ilaiko?" [21]Jesosy niteny taminy hoe: "Raha maniry ny ho tonga lafatra ianao, dia mandehana, amidio izay anananao, ary omeo ny mahantra, ka hanana harena any an-danitra ianao; ary avia, manaraha Ahy." [22]Fa rehefa nandre izay nolazain'i Jesosy ilay zatovo, dia niala tamin'alahelo izy, satria nanana fananana betsaka.
[23]Hoy Jesosy tamin'ireo mpianatra hoe: "Lazaiko marina aminareo, sarotra ho an'ny mpanakarena ny hiditra ny fanjakan'ny lanitra. [24]Ary mbola lazaiko aminareo indray, mora kokoa ho an'ny rameva ny miditra amin'ny vodim-panjaitra noho ny idiran'ny mpanakarena ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra."
[25]Rehefa nandre izany ireo mpianatra, dia tena talanjona tokoa ka niteny hoe: "Iza ary izany no afaka ho vonjena?"
[26]Nijery azy ireo Jesosy ary niteny hoe: "Amin'ny olona dia tsy hay atao izany, fa amin'Andriamanitra ny zava-drehetra dia azo atao." [27]Avy eo Petera namaly ary niteny hoe: "Indro, navelanay ny zava-drehetra ary nanaraka Anao izahay. Inona ary no ho azonay?"
[28]Jesosy niteny azy ireo hoe: "Lazaiko marina aminareo, amin'ny vanim-potoana vaovao rehefa mipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny ny Zanak'Olona, dia hipetraka eo amin'ny seza fiandrianana roa ambin'ny folo ihany koa ianareo izay nanaraka Ahy, hitsara ireo foko roa ambin'ny folon'Israely.
[29]Ny olona rehetra izay nandao trano, rahalahy, anabavy, ray, reny, zanaka, na tany nohon'ny anarako, dia handray avo zato heny ary handova fiainana mandrakizay. [30]Fa maro ireo izay voalohany ho lasa farany, ary ny farany ho voalohany.

20 [1]Fa ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny tompon-tany izay nandeha vao maraina be hanakarama mpiasa ho an'ny tanim-boalobony. [2]Rehefa avy nifanaraka tamin'ireo mpiasa izy fa ho denaria iray isan'andro ny karaman'izy ireo, dia nalefany tany amin'ny tanim-boalobony izy ireo.
[3]Nivoaka indray izy tamin'ny ora fahatelo ary nahita mpiasa hafa nijorojoro tao an-tsena. [4]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: 'Ianareo koa, mandehana any amin'ny tanim-boaloboka, ary izay an-keviny marina dia homeko anareo.' Ka nandeha niasa izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Mbola nivoaka indray izy teo ho eo amin'ny ora fahenina ary koa tamin'ny ora fahasivy, ary nanao toy izany ihany.
[6]Tamin'ny ora fahiraika ambin'ny folo dia nivoaka indray mandeha koa izy ary nahita mpiasa hafa nijorojoro. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: 'Nahoana ianareo no mijoro eto mandritry ny tontolo andro?' [7]Hoy izy ireo taminy hoe: 'Tsy misy olona manakarama izahay.' Hoy izy tamin'izy ireo hoe: 'Ianareo ihany koa mandehana any amin'ny tanim-boaloboka.'
[8]Rehefa tonga ny hariva, dia niteny tamin'ny mpitandrin-draharahany ny tompom'ilay tanim-boaloboka hoe: 'Antsoy ireo mpiasa ary haloavy ny karaman'izy ireo, manomboka avy any amin'ny farany mankany amin'ny voalohany.' [9]Rehefa tonga ireo mpiasa izay nalaina tamin'ny ora fahiraika ambiny folo, dia nahazo denaria iray tsirairay avy izy ireo. [10]Rehefa tonga ireo mpiasa voalohany, dia nihevitra fa ahazo mihoatra izy ireo, kanefa izy reo ihany koa dia nahazo dinaria iray tsirairay avy.
[11]Rehefa nahavoaray ny karamany izy ireo, dia nitaraina momba ilay tompon-tany izy ireo. [12]Hoy izy ireo hoe: 'Ireo mpiasa farany ireo dia niasa adin'iray fotsiny, nefa dia nampitovianao taminay izy ireo, izahay izay nisaka ny vesatry ny tontolo andro sy niharitra hain'andro.'
[13]Fa namaly ilay tompon-tany ka niteny tamin'ny iray tamin'izy ireo hoe: 'Ry sakaiza, tsy manao izay tsy mety aminao aho. Tsy denaria iray va no nifanarahanao tamiko? [14]Raiso izay anao ary zory ny lalanao. Izaho dia nifidy ny hanome ho an'ireo mpiasa nokaramaina farany tahaka ny anao ihany.
[15]Tsy manan-jo hanao araka izay tiako amin'izay ahy ve aho? Sa mialona ve ianareo satria malala-tanana aho?' [16]Ka ny farany dia ho voalohany, ary ny voalohany ho farany." [1]
[17]Raha hiainga ho any Jerosalema Jesosy, dia naka ireo roa ambin'ny folo teo anilany Izy, ary teny an-dalana Izy niteny tamin'izy ireo hoe: [18]"'Indro, hiakatra ho any Jerosalema isika, ary ny Zanak'Olona dia hatolotra eo amin'ny lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna. Izy ireo dia hanameloka Azy ho faty [19]ary hanolotra Azy amin'ireo Jentilisa mba hiomehezana, ho kapohina, ary hanombohana Azy amin'ny hazofijaliana. Fa amin'ny andro fahatelo dia hatsangana indray Izy."
[20]Avy eo ny renin'ireo zanaka lahin'i Zebedio nanatona an'i Jesosy niaraka tamin'ireo zanany lahy. Niankohoka teo anatrehany izy ary nangataka zavatra avy Aminy. [21]Hoy Jesosy taminy hoe: "Inona no irinao?" Hoy izy taminy hoe: "Mandidia mba hipetrahan'ireto zanako roa lahy ireto, ny iray eo an-tananao ankavana ary ny iray eo an-tananao ankavia, ao amin'ny fanjakanao."
[22]Fa Jesosy namaly ary niteny hoe: "Tsy fantatrareo ny zavatra angatahinareo. Afaka ny hisotro ny kapoaka izay ho sotroiko va ianareo?" Namaly izy ireo hoe: "Afaka izahay." [23]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Hisotro ny kapoakako tokoa ianareo. Fa ny hipetraka eo an-tanako ankavanako sy ankaviako dia tsy anjarako no manome, fa an'ireo izay efa nomanin'ny Raiko." [24]Rehefa nandre izany ireo mpianatra folo lahy hafa, dia tezitra mafy tamin'ireo mpirahalahy roa.
[25]Fa Jesosy niantso azy ireo hankeo aminy ary niteny hoe: "Fantatrareo fa ireo mpanapak'ireo Jentilisa dia hangeja azy ireo, ary ireo lehilahy manan-danjan'izy ireo dia hampiatra ny fahefany eo amin'izy ireo. [26]Fa tsy tokony ho toy izany ny aminareo. Mifanohitra amin'izany, na iza na iza maniry ny ho lasa lehibe aminareo dia tsy maintsy ho mpanomponareo,
[27]ary na iza na iza maniry ny ho voalohany eo aminareo dia tsy maintsy ho mpanomponareo, [28]tahaka ny Zanak'Olona tsy tonga ho tompoina, fa hanompo, ary hanome ny ainy mba ho vidim-panavotana ho an'ny maro."
[29]Raha nivoaka avy any Jeriko izy ireo, dia vahoaka maro no nanaraka Azy. [30]Nisy lehilahy jamba roa nipetraka teo amoron-dalana. Rehefa nandre fa nandalo Jesosy, dia nihiaka mafy izy ireo hoe: "Tompo, zanak'i Davida, mamindrà fo aminay". [31]Nibedy azy ireo ny vahoaka, niteny azy ireo mba hangina, kanefa vao mainka izy ireo niantsoantso mafy hoe: "Tompo, zanak'i Davida, mamindrà fo aminay."
[32]Avy eo Jesosy nijanona ary niantso azy ireo sady niteny hoe: "Inona no irinareo ho ataoko aminareo?" [33]Hoy izy ireo taminy hoe: "Tompo, mba hahiratra ny masonay" [34]Avy eo Jesosy, nangoraka, ka nikitika ny mason'izy ireo. Avy hatrany dia nahiratra izy ireo ary nanaraka Azy.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha tsara indrindra dia manala ny hoe: "Maro no nantsoina fa vitsy ny voafidy."

---

21 [1]Raha nanantona an'i Jerosalema Jesosy sy ny mpianany ka nankao Betifaga, any an-tendrombohitr'i Oliva, dia nandefa mpianatra anankiroa Jesosy, [2]nilaza tamin'izy ireo hoe: "Mandehana ao amin'izay vohitra manaraka ao, fa eo no eo ianareo dia hahita boriky mifatotra ary zana-boriky iray miaraka aminy. Vahao izy ireo ary hoento aty amiko.
[3]Raha misy miteny anareo momba izany, dia lazao hoe: 'Misy ilan'ny Tompo azy ireo,' ary eo no eo izany olona izany dia handefa azy ireo miaraka aminareo."
[4]Ary nitranga izany mba hahatanteraka izay nambara tamin'ny alalan'ny mpaminany. Hoy Izy hoe: [5]"'Ilazao ny zanaka vavin'i Ziona hoe: 'Indro, ny Mpanjakanao manatona anao, Manetry tena ary mitaingina boriky- zana-boriky lahy."'
[6]Avy teo dia lasa ireo mpianatra ary nanao arak'izay nandidian'i Jesosy azy ireo. [7]Noentin'izy ireo ilay ampondra sy ilay zana-boriky ary nametraka ny lamban'izy ireo teo aminy, ka nipetraka teo amin'ilay lamba Jesosy. [8]Ny ankabeazan'ny vahoaka dia namelatra ny lambany tamin'ny tany, ary ireo hafa nanapaka sampan-kazo ary nanaparitaka izany tamin'ny lalana.
[9]Avy eo ireo vahoaka nialoha an'i Jesosy sy ireo izay nanaraka azy nitabataba hoe: "Hosana ho an'ny zanak'i Davida! Isaorana ilay tonga avy amin'ny anaran'ny Tompo! Hosana any amin'ny avo indrindra!" [10]Rehefa niditra tao Jerosalema

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Jesosy, dia nihiaka ny iray tanàna ka nanao hoe: "Iza moa io?" [11]Ny vahoaka namaly hoe: "Izy no Jesosy ilay mpaminany avy any Nazareta any Galilia."
[12]Avy eo niditra tao an-tempoly Jesosy. Noroahiny avokoa ireo mpividy sy mpivarotra tao an-tempoly, ary navadiny ny latabatr'ireo mpanakalo vola sy ny fipetrahan'ireo mpivarotra voromailala. [13]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Efa voasoratra hoe: 'Ny tranoko dia ho antsoina hoe trano fivavahana,' kanefa ataonareo zohy fieren'ny jiolahy." [14]Nony avy teo dia nisy jamba sy mandringa nanatona Azy tao an-tempoly, ka nositraniny izy ireo.
[15]Fa nony nahita ny zava-mahagaga nataony ny lehiben'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna, ary rehefa ren'izy ireo ny zaza madinika nitabataba tao an-tempoly hoe: "Hosana ho an'ny zanak'i Davida," dia tezitra mafy izy ireo. [16]Hoy izy ireo taminy hoe: "Renareo va izany lazain'ireo olona ireo?" Namaly azy ireo Jesosy hoe: "Eny! Fa tsy mbola novakianareo mihitsy ve ny hoe: 'Avy amin'ny vavan'ny zaza madinika sy ny zaza minono no nandavorarianareo ny fiderana?" [17]Avy eo nandao azy ireo Jesosy ka nandeha tany amin'ny tanànan'i Betania ary nitoetra tao ny alina.
[18]Ary nony maraina raha niverina tany an-tanàna Izy, dia noana. [19]Nahita azon'aviavy teny an-tsisin-dalana, dia nanatona teny Izy ary tsy nahita na inona na inona teo afa-tsy ny raviny. Hoy Izy taminy hoe: "Aoka tsy hisy voa intsony avy aminao mandrakizay," ary niaraka tamin'izay dia maina ilay aviavy.
[20]Rehefa nahita izany ireo mpianatra, dia gaga izy ireo ary niteny hoe: "Ahoana no nahamaina avy hatrany ity aviavy ity?"
[21]Namaly Jesosy ary nilaza azy ireo hoe: "Lazaiko marina aminareo, raha manam-pinoana sy tsy misy fisalasalana ianareo, dia tsy izay natao tamin'io aviavy io ihany no hataonareo, fa na dia hiteny amin'ity tendrombohitra ity aza hoe: 'miongota ary mianjerà any an-dranomasina', dia ho atao izany. [22]Na inona na inona angatahinareo am-bavaka, am-pinoana, dia ho azonareo."
[23]Nony niditra tao an-tempoly Jesosy, dia nanatona Azy ny lehiben'ny mpisorona sy ny zokiolona raha nampianatra Izy ary niteny hoe: "Fahefana avy aiza moa no anaovanao ireny zavatra ireny, ary iza no nanome anao izany fahefana izany?" [24]Namaly Jesosy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Hametrahako fanontaniana iray ihany koa ianareo. Raha lazainareo amiko, dia ho lazaiko aminareo ny fahefana anaovako ireny zavatra ireny.
[25]Ny batisan'i Jaona - avy taiza no niaviany? Avy tany an-danitra sa avy tamin'ny olombelona?" Niady hevitra izy ireo, nanao hoe: "Raha miteny isika hoe, 'Avy tany an-danitra,' Izy hiteny amintsika hoe: 'Fa nahoana izany ianareo no tsy nino azy?' [26]Fa raha miteny isika hoe: 'Avy tamin'ny olombelona', mataotra ny vahoaka isika, satria izy rehetra dia mihevitra an'i Jaona tahaka ny mpaminany". Ka namaly an'i Jesosy izy ireo ka niteny hoe: "Tsy fantatray." [27]Ary hoy ihany koa Izy tamin'izy ireo hoe: "Izaho ihany koa dia tsy hilaza aminareo hoe avy aiza ny fahefana anaovako ireny zavatra ireny.
[28]Fa ahoana ny hevitrareo? Nisy lehilahy iray nanana zanaka lahy roa. Nandeha nankany amin'ilay voalohany izy ary nanao hoe: 'Anaka, mandehàna miasa any amin'ny tanim-boaloboka androany.' [29]Ilay zanany lahy namaly azy hoe: "Tsy ho any aho," fa avy eo niova hevitra izy dia lasa. [30]Avy eo dia nankany amin'ilay faharoa izy ary niteny tahaka izany ihany koa. Namaly izy ka niteny hoe: "Ho any aho, tompoko,' nefa tsy nankany izy.
[31]Iza tamin'ireo zanany roa ireo no nanao ny sitrapon'ny rainy?" Ary hoy izy ireo hoe: "Ilay voalohany." Jesosy niteny azy ireo hoe: "Lazaiko marina aminareo, ireo mpamory hetra sy ireo mpivaro-tena dia hiditra ny Fanjakan'ny Andriamanitra alohanareo. [32]Fa Jaona nanatona anareo tamin'ny fahamarinana, fa tsy nino azy ianareo. Fa ireo mpamory hetra sy mpivaro-tena nino azy. Fa ianareo, na dia nahita izany aza, dia tsy nibebaka sy tsy nino azy.
[33]Henoy ity fanoharana iray hafa ity. Nisy lehilahy iray, tompona tany. Nanao tanim-boaloboka izy, nofefeny izany, nandavahany famiazana tao anatiny, nananganany tilikambo, ary nampanofainy tamin'ireo mpamboly voaloboka. Avy teo dia nankany amin'ny tanàna hafa izy. [34]Nony nanakaiky ny taom-pahavokarana, dia naniraka ny sasany tamin'ireo mpanompo izy ho any amin'ireo mpamboly voaloboka haka ny vokatrany.
[35]Fa nosamborin'ireo mpamboly voaloboka ireo mpanompony, nokapohiny ny anankiray, novonoiny ny hafa, dia mbola notorahana vato ny hafa. [36]Ary mbola, nandefa mpanompony hafa indray ilay tompon-tany, maro noho ny tamin'ny voalohany, fa nataon'izy ireo toy izany ihany koa. [37]Taorian'izany, dia naniraka ny zanany lahitokana tany amin'ireo ny tompon-tany, nilaza hoe: 'Hanaja ny zanako izy ireo.'
[38]Fa rehefa nahita ilay zanaka lahy ireo mpamboly voaloboka, dia nifampiresaka izy ireo hoe: 'Ity no mpandova. Andeha, ho vonointsika izy ary ho alaintsika ny lova.' [39]Noho izany dia nosamborin'izy ireo izy, natsipy tao anatin'ny tanim-boaloboka ary novoina.
[40]Ary rehefa tonga ny tompon'ny tanim-boaloboka, inona no ho ataony amin'ireo mpamboly voaloboka?". [41]Hoy izy ireo taminy hoe: "Ho ringaniny amin'izay fomba mafy indrindra ireo olon-doza, ary avy eo hampanofainy amin'ireo mpamboly voaloboka hafa ny tanin-boaloboka, olona hanome azy ny anjara voliny amin'ny fotoam-pahavokarana."
[42]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Tsy mbola namaky ny Soratra Masina mihitsy va ianareo hoe: 'Ny vato nolavin'ny mpanori-trano no natao vato fehizoro. Avy tamin'ny Tompo izany, ary mahatalanjona eo imasontsika'?
[43]Noho izany lazaiko aminareo, hesorina aminareo ny fanjakan'Andriamanitra ary hatolotra ny firenena izay mamokatra ireo voany. [44]Na iza na iza ho lavon'io vato io dia ho potipotika. Fa izay hianjerany kosa dia ho torotoro."
[45]Rehefa nandre ireo fanoharany ireo ny lehiben'ny mpisorona sy ireo Fariseo, dia azon'izy ireo fa mahakasika azy ireo no noresahany. [46]Nikasa ny hisambotra Azy, saingy natahotra ny vahoaka izy ireo, satria nataon'ny olona ho mpaminany Izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

22 [1]Niteny tamin'ny fanoharana tamin'izy ireo indray Jesosy, nanao hoe: [2]"Ny fanjakan'ny Lanitra dia mitovy amin'ny
mpanjaka izay nanomana fanasana amin'ny fampakaram-bady ho an'ny zanany lahy. [3]Naniraka ireo mpanompony
hiantso ireo izay nahazo fanasana hanatrika ny lanonam-pampakaram-bady izy, fa tsy nety ho avy izy ireo.
[4]Nandefa ireo mpanompony hafa indray ny mpanjaka, manao hoe: 'Ilazao ireo izay nasaina hoe: "Jereo, efa
nokarakaraiko ny sakafoko. Efa novonoina ny omby sy ny zanak'omby mifahiko, ary efa vonona ny zava-drehetra.
Tongava ao amin'ny lanonam-pampakaram-bady."'
[5]Saingy tsy niraharaha izy ireo ary lasa nandeha, ny iray namonjy ny toeram-piompiny, ny hafa tamin'ny raharaham-
barony. [6]Ireo sasany nisambotra ireo mpanompon'ny mpanjaka, nanala baraka azy ireo, ary namono azy ireo. [7]Tezitra ny
mpanjaka ka naniraka ireo miaramilany, ary namono mpamono olona ireo izy ireo, ary nandoro ny tanànany.
[8]Avy eo niteny tamin'ireo mpanompony izy hoe: 'Efa vonona ny fampakaram-bady, fa ireo izay nasaina no tsy mendrika.
[9]Noho izany mandehana eny amin'ny sampanan-dalambe ary manasà olona maro araka izay hitanareo ho ao amin'ny
lanonam-mpampakaram-bady.' [10]Nandeha nivoaka tany amin'ny lalan-dehibe ireo mpanompo ary nanambatra ny olona
rehetra izay hitan'izy ireo, na ny tsara na ny ratsy. Noho izany dia feno vahiny ilay efi-trano lehibe nisy ny fampakaram-
bady.
[11]Fa rehefa niditra ny mpanjaka mba hijery ireo vahiny, dia nahita lehilahy tsy nitafy akanjo fitondra amin'ny
fampakaram-bady izy. [12]Niteny taminy ny mpanjaka hoe: 'Ry sakaiza, ahoana no idiranao ato tsy miaraka amin'ny fitafy
fitondra amin'ny fampakaram-bady?' Fa tsy nahateny ilay lehilahy.
[13]Avy eo niteny tamin'ireo mpanompony ny mpanjaka hoe: 'Fehezo ny tanana sy ny tongotr'ity lehilahy ity, ary atsipazo
any amin'ny maizina any ivelany izy, any no misy fitomaniana sy fikotroha-nify.' [14]Fa olona maro nantsoina, nefa vitsy no
ho voafidy.
[15]Avy eo nandeha ireo Fariseo ary nanomana ny fomba mety hamandrihana an'i Jesosy amin'izay noteneniny. [16]Avy eo
nirahan'izy ireo ankany Aminy ireo mpianatr'izy ireo, niaraka tamin'ireo Herodiana. Niteny tamin'i Jesosy izy ireo hoe:
"Ry mpampianatra, fantatray fa marina Ianao, ary mampianatra ny lalan'Andriamanitra amin'ny marina. Tsy
miraharaha ny hevitry ny hafa Ianao, ary tsy mizaha mitanila. [17]Noho izany lazao aminay, inona ny hevitrao? Ara-dalàna
ve ny fandoavan-ketra any amin'i Kaisara sa tsia?"
[18]Nefa azon'i Jesosy ny faharatsian'ireo ka niteny hoe: "Nahoana no mitsapa Ahy ianareo, ry mpihatsaravelatsihy?
[19]Asehoy Ahy ny farantsa amin'ny hetra." Avy eo nitondra denaria teo aminy izy ireo.
[20]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "An'iza ity sary sy anarana ity?" [21]Niteny taminy izy ireo hoe: "An'i Kaisara." Avy eo Jesosy
niteny azy ireo hoe: "Omeo an'i Kaisara ireo izay an'i Kaisara, ary an'Andriamanitra ireo izay an'Andriamanitra." [22]Rehefa
nandre izany izy ireo, dia gaga. Ary niala teo Aminy izy ireo ka nandeha.
[23]Tamin'izay andro izay ihany ny Sadoseo sasany, ireo izay nilaza fa tsy misy fitsanganana amin'ny maty, nanatona Azy.
Nanontany Azy izy ireo, [24]nanao hoe: "Ry mpampianatra, Mosesy niteny hoe: 'Raha maty ny olona, tsy manan-janaka, dia
tokony hanambady ny vadiny ny rahalahiny ary hanan-janaka ho an'ny rahalahiny.
[25]Nisy mpirahalahy fito. Nanambady ny voalohany ary maty avy eo. Lasa tsy namela anaka, navelany ho an'ny rahalahiny
ny vadiny. [26]Avy eo nanao zavatra mitovy amin'izay ny faharoa, avy eo ny fahatelo, toy izany foana hatrany amin'ilay
rahalahy fahafito. [27]Taorian'izy rehetra ireo, dia maty ilay vehivavy. [28]Ary amin'ny fitsanganan'ny maty, ho vadin'iza
amin'ireo mpirahalahy fito izy? Fa efa nanambady azy izy rehetra ireo."
[29]Fa namaly Jesosy ary niteny azy ireo hoe: "Diso ianareo, satria tsy mahafantatra ny Soratra Masina na ny
herin'Andriamanitra. [30]Fa amin'ny fitsanganan'ny maty dia sady tsy hanambady izy ireo no tsy omena ampakarina. Fa
kosa, mitovy amin'ireo anjely any an-danitra.
[31]Fa mahakasika ny fitsanganan'ny maty, mbola tsy novakianareo va izay nolazain'Andriamanitra taminareo, manao hoe:
[32]'Izaho no Andriamanitr'i Abrahama, Andriamanitr'Isaka, ary Andriamanitr'i Jakoba'? Andriamanitra dia tsy
Andriamanitry ny maty, fa an'ny velona." [33]Rehefa nandre izany ireo vahoaka, dia talanjona tamin'ny fampianarany.
[34]Fa rehefa rean'ireo Fariseo ny nampanginan'i Jesosy ny Sadoseo, dia niara-nivondrona izy ireo. [35]Ny iray tamin'izy ireo,
mpahay lalàna, nametra-panontaniana taminy, naka fanahy Azy hoe: [36]"Ry mpampianatra, iza no lehibe indrindra
amin'ny didy ao amin'ny lalàna?"
[37]Niteny taminy Jesosy hoe: "Tiavo amin'ny fonareo rehetra, amin'ny fanahinareo rehetra, ary amin'ny sainareo rehetra
ny Tompo Andriamanitrareo.' [38]Izany no didy lehibe sy voalohany.
[39]Ary ny didy faharoa dia tahaka izany ihany: 'Tiavo ny mpiara-belona aminareo tahaka ny tenanareo.' [40]Amin'ireo didy
roa ireo no iankinan'ny lalàna manontolo sy ireo mpaminany."
[41]Ary raha mbola niara-nivondrona ireo Fariseo, dia nametra-panontaniana azy ireo Jesosy. [42]Hoy Izy hoe: "Inona no
eritreritrareo momban'i Kristy? Zanaka lahin'iza Izy?" Niteny taminy ireo hoe: "zanak'i Davida."
[43]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ary Davida mitoetra ao amin'ny Fanahy no miantso Azy hoe Tompo, manao
hoe: [44]'Ny Tompo niteny tamin'ny Tompoko hoe: "Mipetraha eo amin'ny tanan'ankavanako, mandra-panaoko ny
fahavalonao ho fitoeran-tongtrao?'
[45]Raha Davida aza miantso an'i Kristy hoe: 'Tompo,' dia ahoana no maha-zanak'i Davida Azy?" [46]Tsy nisy nahavaly Azy
tamin'ny teny, ary tsy nisy olona sahy nametra-panontaniana hafa intsony nanomboka tamin'izany andro izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

23 [1]Ary Jesosy niteny tamin'ireo vahoaka sy ireo mpianany. [2]Hoy Izy hoe: "Ireo mpanora-dalàna sy fariseo dia mipetraka eo amin'ny fitoeran'i Mosesy.' [3]Noho izany na inona na inona handidian'izy ireo anareo ho atao, dia ataovy ireny zavatra ireny ka mitandrema azy ireo. Fa aza alaina tahaka ny asan'izy ireo, satria izy ireo dia miteny zavatra nefa avy eo tsy manao izany.
[4]Eny, fehezin'izy ireo ny enta-mavesatra izay sarotra entina, ary avy eo dia apetrak'izy ireo eo amin'ny soroky ny olona. Fa tsy hanetsika ny ratsan-tanana iray akory ny tenan'izy ireo mba hitondra azy ireo. [5]Manao ny asany rehetra izy ireo mba ho hitan'ny olona. Fa ataon'izy ireo malalaka ny filakiterany, ary itarin'izy ireo ny moron'akanjony.
[6]Tian'izy ireo ny toeran'ny manan-kaja any amin'ny fanasana sy ny toeran'ny lehibe ao amin'ny synagoga, [7]sy ny fiarahabana miavaka eny an-tsena, ary mba ho antsoin'ny olona hoe: 'Raby'.
[8]Fa ianareo tsy azo antsoina hoe: 'Raby', fa iray ihany ny mpampianatrareo, ary mpirahalahy ianareo rehetra. [9]Ary aza miantso ny olona ety an-tany hoe rainareo, fa iray ihany ny Rainareo, ary Izy dia any an-danitra. [10]Ianareo aza mety antsoina hoe: 'Mpampianatra', fa iray ihany ny mpampianatrareo, dia i Kristy.
[11]Fa izay lehibe indrindra aminareo no ho mpanomponareo. [12]Na iza na iza manandra-tena dia ahetry, ary na iza na iza manetry tena dia hasandratra.
[13]Fa lozanareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa arindrinareo amin'ny olona ny fanjankan'ny lanitra. Fa ianareo tsy mampiditra ny tenanareo, ary tsy avelanareo ireo izay mitady hiditra. [14][1][15]Lozanareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpiatsaravelatsihy! Fa mandeha mitety ny ranomasina sy ny tany ianareo mba hampiova fo ny olona iray, ary rehefa miova izy, dia ataonareo ny zanaky ny helo avo roa heny mihoatra noho ianareo izy.
[16]Lozanareo, ry mpitarika jamba, ianareo izay milaza hoe: 'Na iza na iza mianiana amin'ny tempoly, dia tsy misy dikany izany. Fa na iza na iza mianiana amin'ny volamenan'ny tempoly, dia voafatotry ny fianianany izy.' [17]Ianareo ry jamba adala! Iza no lehibe kokoa, ny volamena sa ny tempoly izay manao ny volamena ho masina?
[18]Ary, 'Na iza na iza mianiana amin'ny alitara, dia tsy misy dikany izany. Fa na iza na iza mianiana amin'ny fanatitra izay eo ambonin'izany, dia voafatotry ny fianianany izy.' [19]Ianareo ry olona jamba! iza no lehibe kokoa, ny fanatitra sa ny alitara izay manao ny fanatitra ho masina?
[20]Noho izany, izay mianiana amin'ny alitara, dia mianiana amin'izany sy amin'ny zavatra rehetra eo amboniny. [21]Ny iray izay mianiana amin'ny tempoly, dia mianiana amin'izany sy amin'izay monina ao aminy, [22]ary ny iray izay mianiana amin'ny lanitra, dia mianiana amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy aminy izay mipetraka eo ambonin'izany.
[23]Lozanareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa mandoa ny fahafolon'ny solila sy ny aneta ary ny komina ianareo, fa ianareo dia tsy nankatoa ny raharaha mavesa-danja indrindra amin'ny lalàna- dia ny rariny sy ny famindram-po ary ny finoana. Fa ireo no tokony nataonareo ary tsy tokony navelanareo ho tsy vita ny iray hafa. [24]Ianareo ry mpitarika jamba, ianareo izay manivana ny lalitra nefa mitelina rameva!
[25]Loza ho anareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa diovinareo ny ivelan'ny kapoaka sy ny lovia, nefa ny ao anatiny dia feno fitsiriritana sy filana. [26]Ianareo ry fariseo jamba! Diovy aloha ny ao anatin'ny kapoaka sy ny lovia, mba ho lasa madio ihany koa ny ivelany.
[27]Loza ho anareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa ianareo dia tahaka ny fasana voalalotra fotsy; izay tsara ivelany, fa ny ao anatiny kosa dia feno ny taolam-paty sy ny loto rehetra. [28]Toy izany ihany koa, ety ivelany ianareo miseho ho marina eo amin'ny olona, nefa ny ao anatinareo dia feno fihatsaram-belatsihy sy heloka.
[29]Loza ho anareo, ry mpanora-dalàna sy fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa manorina ny fasan'ny mpaminany ianareo ary manaingo ny fasan'ny olo-marina. [30]Hoy ianareo hoe: 'Raha niaina tamin'ny andron'ny razambetsika isika, dia tsy ho nandray anjara niaraka tamin'izy ireo tamin'ny fandatsahana ny ràn'ny mpaminany isika'. [31]Noho izany dia mijoro vavolombelona amin'ny tenanareo ianareo fa zanak'ireo izay namono ny mpaminany.
[32]Ianareo ihany koa dia nahafeno ny fahotan'ireo razambenareo [33]Ianareo ry bibilava, ianareo ry taranaky ny menarana, ahoana no handosiranareo ny fanamelohana ho any amin'ny helo?
[34]Noho izany, indro, maniraka mpaminany sy olon-kendry ary mpanora-dalàna ho anareo Aho. Ny sasany amin'izy ireo dia ho vonoinareo sy hombohanareo; ary ny sasany ho kapohinareo ao amin'ny synagoganareo ary handroaka azy hiala ao an-tanàna. [35]Ny vokatr'izany dia hanody anareo ny rà marina rehetra izay nalatsaka teto an-tany, nanomboka tamin'ny ràn'i Abela marina, ka hatramin'ny ràn'i Zakaria zanak'i Barakia, izay novonoinareo teo anelanelan'ny fitoerana masina sy ny Alitara. [36]Lazaiko marina aminareo, fa ny zavatra rehetra dia ho tonga amin'ity taranaka ity.
[37]Ry Jerosalema, ry Jerosalema, ianao izay mamono ny mpaminany sy mitora-bato izay irahina ho aminao! Impiry Aho no maniry ny hanangona ny zanakao miaraka, tahaka ny akoho vavy iray manangona ny akoho kely ao ambany elany, nefa tsy nety ianareo! [38]Indro, ny tranonareo no avela ho lao ho anareo. [39]Fa lazaiko aminareo, hatramin'izao, tsy hahita Ahy tokoa ianareo mandra-pilazanareo hoe: 'Isaorana anie izay avy amin'ny anaran'ny Tompo.'"

[1]Fanamarihana: Ny antotan-taratasy taloha dia tsy ahitana ny fehezanteny hoe: 'Fa lozanareo, ry mpanora-dalàna sy ny fariseo, mpihatsaravelatsihy! Fa mandany ny tranon'ny mpitondra tena, ary manao vavaka lavareny ianareo. Noho izany dia hahazo fanamelohana lehibe ianareo.'

24 [1]Nivoaka ny tempoly Jesosy ary lasa nandeha. Nanatona Azy ireo mpianany mba hanoroana Azy ny rafitry ny tempoly. [2]Nefa namaly Izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Tsy hitanareo va ireo zavatra rehetra ireo? Lazaiko marina aminareo, tsy hisy vato ho tavela amin'ny iray hafa izay tsy ho ravàna."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Raha nipetraka teo an-tendrombohitr'Oliva Izy, dia nanatona Azy mangingina ireo mpianany ary niteny hoe: "Lazao anay, rahoviana ireo zavatra rehetra ireo no hitranga? Inona no famantarana ny fahatongavanao sy ny fara-andro?"
[4]Namaly Jesosy ary niteny azy ireo hoe: "Mitandrema mba tsy hisy hamitaka anareo". [5]Fa ho maro ny ho avy amin'ny anarako. Ary hiteny izy ireo hoe: 'Izaho no Kristy,' ary maro no ho voafitaka.
[6]Handre ady sy tatitr'ady ianareo. Mitandrema mba tsy hitebiteby ianareo, fa tsy maintsy hitranga izany zavatra rehetra izany; nefa tsy mbola tonga ny farany. [7]Fa hisy firenena hitsangana hanohitra firenena, ary fanjakana hanohitra fanjakana. Hisy mosary sy horohoron-tany amin'ny toerana samihafa. [8]Nefa izany zavatra rehetra izany dia fiandoahan'ny fanaintainan'ny fiterahana fotsiny ihany.
[9]Ka ho atolotr'izy ireo ho amin'ny fahoriana ianareo ary ho vonoiny. Ho halan'ny firenena rehetra ianareo nohon'ny anarako. [10]Ary maro ny ho tafintohina, ary hifamadika sy hifankahala ny tsirairay. [11]Mpaminany sandoka maro no hitsangana ka hamitaka olona maro.
[12]Satria ny faharatsiana dia hitombo, ary hihamangatsika ny fitiavan'ny maro. [13]Fa ilay iray izay miharitra hatramin'ny farany dia ho voavonjy. [14]Ity filazantsaran'ny fanjakana ity dia ho toriana erak'izao tontolo izao ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra. Avy eo dia ho tonga ny farany.
[15]Noho izany, raha mahita ny fahavetavetan'ny fandravana ianareo, izay nolazain'i Daniela mpaminany, dia hitsangana eo amin'ny toerana Masina ianareo" (aoka ny mpamaky hahatakatra), [16]"Aoka ireo izay any Jodia handositra ho any an-tendrombohitra, [17]aoka izay ao an-tampon'ny trano tsy hidina haka zavatra avy ao an-tranony, [18]ary aoka izay any an-tsaha tsy hiverina haka ny lambany.
[19]Fa loza ho an'ireo bevohoka sy mampinono amin'izany andro izany! [20]Mivavaha mba tsy ho amin'ny ririnina na amin'ny Sabata no hitranga ny fandosiranareo. [21]Fa hisy fahoriana lehibe, izay tsy mbola nisy toy izany hatrany am-piandohan'izao tontolo izao mandrak'ankehitriny, tsia, ary tsy hisy intsony. [22]Raha tsy afohezina ireo andro ireo, dia tsy hisy nofo ho vonjena. Fa nohon'ny olom-boafidy, dia hafohezina ireo andro ireo.
[23]Fa raha misy olona miteny anareo hoe: 'Indro, ity ilay Kristy' na, 'iry ilay Kristy' dia aza mino izany. [24]Fa ny Kristy sandoka sy ny mpaminany sandoka dia ho avy ary hampiseho fahamatrana lehibe sy zava-mahagaga, mba hamitaka, raha azo atao, eny fa na ireo olom-boafidy aza. [25]Indro, efa nolazaiko anareo mialohan'ny fotoana.
[26]Noho izany, raha miteny anareo izy ireo hoe: 'indro, any an-efitra izy,' dia aza makany an-efitra. Na hoe 'indro, any anaty efitrano izy' dia aza mino izany. [27]Fa toy ny varatra izay mitselatra avy any antsinana ka mazava hatrany andrefana, dia tahaka izany ny fihavian'ny Zanak'Olona. [28]Na aiza na aiza misy biby maty, dia any no hiangonan'ny voltora.
[29]Ary raha vao afaka ny fahoriana amin'ireo andro ireo dia ho maizina ny masoandro, tsy hanome ny hazavany ny volana, hilatsaka avy any an-danitra ny kintana, ary hihozongozona ny herin'ny lanitra.
[30]Avy eo dia hiseho eny amin'ny lanitra ny famantaran'ny Zanak'Olona, ary ny foko rehetra ambonin'ny tany hisaona. Hahita ny Zanak'Olona tonga amin'ny rahon'ny lanitra miaraka amin'ny hery sy voninahitra lehibe Izy ireo. [31]Handefa ireo anjeliny Izy miaraka amin'ny feo trompetra mafy, ary hanangona ny olom-boafidiny avy any amin'ny vazan-tany efatra izy ireo, manomboka amin'ny faravodilanitra ka hatrany amin'ny hafa.
[32]Mianara ny lesona avy amin'ny aviavy. Raha vantany vao matoy ny sampana ary mamoaka ny raviny, dia fantatrareo fa manakaiky ny fahavaratra. [33]Toy izany ihany koa, raha mahita izany zavatra rehetra izany ianareo, dia tokony ho fantatrareo fa efa akaiky Izy, eo amin'ireo vavahady mihitsy.
[34]Lazaiko marina aminareo, fa tsy ho lany ity taranaka ity mandra-pisehon'izany rehetra izany. [35]Tsy hisy intsony ny lanitra sy ny tany, fa ny teniko dia tsy mba ho levona mandrakizay.
[36]Kanefa ny mahakasika izany andro sy ora izany dia tsy misy mahalala, na ny Anjelin'ny lanitra aza, na ny Zanaka lahy, fa ny Ray ihany.
[37]Toy ny tamin'ny andron'i Noa, dia tahaka izany ihany koa ny fihavian'ny Zanak'Olona. [38]Fa toy ny tamin'ireo andro mialohan'ny safo-drano dia nihinana sy nisotro izy ireo, nanambady sy nampakarina mandra-pahatongan'ilay andro nidiran'i Noa tao anatin'ilay sambo fiara, [39]ary tsy nahafantatra na inona na inona izy ireo mandra-pahatongan'ny safo-drano ka nandringana azy rehetra- dia tahak'izany ny fihavian'ny Zanak'Olona.
[40]Avy eo hisy lehilahy roa eny an-tsaha - ny iray ho raisina, ary ny iray ho avela. [41]Vehivahy roa no hitoto vary- ny iray ho raisina, ary ny iray ho avela. [42]Noho izany dia miambena, fa tsy fantatrareo izay andro hiavian'ny Tomponareo
[43]Fa fantaro izao, raha fantatry ny tompon-trano hoe amin'ny firy alina no hiavian'ny mpangalatra, dia ho niambina izy ary tsy namela ny tranony ho vaky. [44]Noho izany dia tsy maintsy mivonona ihany koa ianareo, fa ho avy ny Zanak'Olona amin'ny ora tsy ampoizinareo.
[45]Koa iza moa ilay mpanompo mahatoky sy hendry izay notenendren'ny tompony hanapaka ny ankohonany mba hanomezana azy ireo ny sakafon'izy ireo amin'ny fotoana mety? [46]Sambatra izany mpanompo izany izay hitan'ny Tompony fa manao izany rehefa tonga izy. [47]Lazaiko marina aminareo fa ny tompony no hanapaka azy ho ambonin'ny zavatra rehetra izay ananany.
[48]Fa raha misy mpanompo ratsy miteny ao am-pony hoe: 'Ela fiavy ny tompoko', [49]ka manomboka mamono ireo manompo namany, sy mihinana ary misotro miaraka amin'ireo mpimamo; [50]dia ho avy ny tompon'ilay mpanompo amin'ny fotoana izay tsy ampoiziny ary amin'ny ora izay tsy fantany. [51]Dia ho kapakapain'ny tompony izy ary ho ataony toy ny an'ireo mpihatsaravelatsy ny anjarany, izay hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

25 [1]Ny fanjakan'ny lanitra dia ho tahaka ny virjina folo izay naka ny jirony ka nandeha nihaona tamin' ny mpampakatra. [2]Adala ny dimy tamin'izy ireo fa ny dimy kosa hendry. [3]Ary rehefa nitondra ireo jirony ireo virjina adala, dia tsy nitondra solika niaraka taminy. [4]Fa ireo virijina hendry kosa dia nitondra fitahirizan-tsolika niaraka tamin'ny jirony.
[5]Ary raha tara ny mpampakatra, dia rendremana izy rehetra ka natory. [6]Fa tamin'ny sasak'alina dia nisy niantso mafy hoe: "Indro, ny mpampakatra! mivoaha mba hiaona aminy."
[7]Avy eo niharina ireo virijina rehetra ka nikarakara ny jirony. [8]Hoy ireo adala tamin'ireo hendry hoe: "Mba omeo ampahany amin'ny solikareo izahay fa efa ho faty ny jironay. [9]Fa namaly ireo hendry ka niteny hoe: "Sao dia tsy ho ampy ho anay sy ho anareo, fa mandehana kosa any amin'ireo mpivarotra ka mividiana ho an'ny tenanareo."
[10]Raha nandeha nividy izy ireo, dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa vonona dia niara-nandeha taminy ho ao amin'ny fanasam-panambadiana, ka nihidy ny vavahady. [11]Rehefa afaka izany dia tonga ihany koa ireo virjiny sasany ka niteny hoe: 'Tompoko, Tompoko, mba vahao izahay'. [12]Fa namaly izy ka niteny hoe: 'Lazaiko marina aminareo, tsy mahafantatra anareo aho.' [13]Koa noho izany mihambena, fa tsy fantatrareo ny andro na ny ora.
[14]Fa izany dia tahaka ny lehilahy iray izay handeha ho any amin'ny firenen-kafa. Niantso ny mpanompony izy ka nampitantana azy ireo ny hareny. [15]Ny iray tamin'izy ireo nomeny talenta dimy, ny iray hafa nomeny roa, ary ny iray hafa kosa nomeny talenta iray. Ny tsirairay dia samy nandray talenta araka izay fahaizany avy, ary nandeha tamin'ny diany izany lehilahy izany. [16]Ny iray izay naharay talenta dimy dia nihainga teo noho eo ka nampiasa azy ireo ary nahazo talenta dimy hafa.
[17]Toy izany koa ilay iray izay naharay talenta roa nahazo roa hafa. [18]Fa ilay mpanompo iray izay naharay talenta iray kosa, nandeha ka niady lavaka tamin'ny tany, ary nandevina ny volan'ny tompony.
[19]Ary taorian'ny fotoana ela dia niverina ny tompon'ireo mpanompo ireo ary nandamin-draharaha tamin'izy ireo.
[20]Niditra ilay mpanompo izay naharay talenta dimy no sady nitondra talenta dimy hafa. Hoy izy hoe: "Tompoko, nomenao talenta dimy aho. Indro, nanatombo talenta dimy hafa aho." [21]Hoy ny tompony taminy hoe: "Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky! Nahatoky tamin'ny zavatra vitsivitsy ianao. Izaho hampihandraikitra anao amin'ny zavatra maro. Midira amin'ny fifalian'ny tomponao."
[22]Ilay mpanompo izay naharay talenta roa dia nanatona sy niteny hoe: "Tompoko, nomenao talenta roa aho, indro, nanatombo talenta roa hafa aho". [23]Niteny azy ny tompony hoe: 'Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky! Nahatoky tamin'ny zavatra vitsivitsy ianao. Izaho hampihandraikitra anao amin'ny zavatra maro. Midira amin'ny fifalian'ny tomponao.'
[24]Avy eo ilay mpanompo izay naharay talenta iray nanatona no sady niteny hoe: "Tompoko, fantatro fa lehilahy hentitra hianao. Mijinja eny amin'izay tsy namafazanao ianao, no sady manangom-bokatra eny amin'izay tsy namboleanao.
[25]Natahotra aho, ka nandeha ary nanafina ny talentanao tao anatin'ny tany. Jereo, indro izay anao."
[26]Ary namaly azy ny tompony ka nanao taminy hoe: 'Ianao ry mpanompo ratsy sady malaina, fantatrao fa izaho dia mijinja eny amin'izay tsy namafazako sy manangom-bokatra eny amin'izay tsy namboleko. [27]Noho izany dia tokony nomenao ny mpanjana-bola ny volako, ka rehefa niverina aho dia nandray ny ahy miaraka amin'ny tombony.
[28]Noho izany alaivo any aminy ny talenta ary omeo ho an'ilay mpanompo izay manana talenta folo izany. [29]Fa izay rehetra manana dia homena be kokoa- mihoatra lavitra aza. Fa ho an'ireo izay tsy manana na inona na inona kosa, na izay hananany aza dia ho esorina aminy. [30]Ario any amin'ny maizina any ivelany ny mpanompo tsy mendrika, any no misy ny fitomaniana sy ny fikitroha- nify.
[31]Ka rehefa tonga amin'ny voninahiny ny Zanak'Olona sy ny anjely rehetra miaraka Aminy, dia hipetraka eo amin'ny seza fihandrihanan'ny voninahiny Izy. [32]Ary ny firenena rehetra dia hangonina eo anatrehany, ary hanavaka ny olona iray amin'iray hafa Izy, tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin'ny osy. [33]Hametraka ny ondry ho eo ankavanany izy, fa ny osy eo ankaviany.
[34]Ary ny mpanjaka hiteny amin'ireo izay eo an-tanana ankavanany hoe: 'Avia, ianareo izay notahian'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay efa voahomana ho anareo hatrizay nanorenana an'izao tontolo izao. [35]Fa noana Aho dia nomenareo sakafo; nangetaheta Aho dia nomenareo ho sotroina; nivahiny Aho dia nampandrosoinareo; [36]nitanjaka Aho dia nampitafinareo; narary Aho nokarakarainareo; ary tany am-ponja Aho dia nakany Amiko ianareo.'
[37]Ary ireo marina dia hamaly sy hiteny hoe: 'Tompo, oviana izahay no nahita Anao noana ka namahana Anao? Na nangetaheta ka nampisotroinay? [38]Oviana Ianao no hitanay nivahiny ka nampandrosoinay? Na nitanjaka ka nampitafianay? [39]Oviana izahay no nahita Anao narary na tany am-ponja ka nakany aminao? [40]Ary ny Mpanjaka namaly ka niteny azy ireo hoe: 'Lazaiko marina aminareo, izay nataonareo tamin'ireny rahalahiko kely indrindra ireny, dia nataonareo tamiko.'
[41]Ary izy hilaza amin'ireo izay eo ankaviany hoe: 'Mialà amiko, Ianareo izay voahozona, ho any amin'ny afo mirehitra mandrakizay izay efa voahomana hoan'ny devoly sy ireo anjeliny, [42]satria noana Aho, fa tsy nomenareo sakafo; nangetaheta Aho, fa tsy nomenareo hosotroina; [43]nivahiny Aho, fa tsy nampandrosoinareo; nitanjaka Aho, nefa tsy nampitafinareo; narary sy tao am-ponja Aho, fa tsy nokarakarainareo.'
[44]Ary dia hamaly koa izy ireo ka hiteny hoe: 'Tompo! Oviana izahay no nahita Anao noana, na nangetaheta, na nivahiny, na nitanjaka, na narary, na tany am-ponja, ka tsy nanompo Anao? [45]Ary Izy hamaly azy ireo ka hiteny hoe: 'Lazaiko

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

marina aminareo, fa izay tsy nataonareo tamin'iray tamin'ireo madinika ireo, dia tsy nataonareo tamiko.' [46]Ireo dia halefa ho ao amin'ny fanasaziana mandrakizay fa ireo marina kosa ao amin'ny fiainana mandrakizay."

26 [1]Rehefa vitan'i Jesosy izany teny rehetra izany, dia niteny tamin'ireo mpianany Izy hoe: [2]"Fantatrareo fa afaka roa andro dia ho tonga ny Paska, ary hatolotra homboana amin'ny hazofijaliana ny Zanak'Olona."
[3]Avy eo ny lehiben'ny mpisorona sy ny loholona niara-nivory tao amin'ny lapan'ny mpisorona-be, izay nantsoina hoe Kaiafa. [4]Niara-nanao tetika izy ireo mba hisamborana mangina an'i Jesosy ary hamono Azy. [5]Fa hoy izy ireo hoe: "Tsy amin'ny fety, mba tsy hisian'ny korontana eo amin'ny olona."
[6]Ary Jesosy rehefa tao Betania tao an-tranon'i Simona boka, [7]raha nipetraka nihinana teo amin'ny latabatra, dia nisy vehivavy iray nanana tavoara alabastara feno menaka lafo vidy nanatona Azy, dia nandraraka izany tamin'ny lohany. [8]Fa rehefa hitan'ireo mpianany izany, dia tezitra izy ireo ka nanao hoe: "Inona no anton'izao fandaniana izao? [9]Afaka namidy lafo ary nomena ireo mahantra io."
[10]Fa Jesosy, nahafantatra izany, niteny azy ireo hoe: "Nahoana ianareo no manahiran-tsaina an-dravehivavy? Fa zavatra tsara no nataony tamiko. [11]Eo aminareo mandrakariva ny mahantra, fa Izaho dia tsy ho eo aminareo mandrakariva.
[12]Fa rehefa nandraraka izany menaka manitra izany tamin'ny vatako izy, dia nataony ho an'ny fandevenana Ahy izany.
[13]Lazaiko marina aminareo, na aiza na aiza hitoriana ny filazantsara eto amin'izao tontolo rehetra izao, izay nataon'ity vehivavy ity dia ho lazaina ihany koa ho fahatsiarovana azy."
[14]Avy eo iray tamin'ireo roa ambinifolo, izay nantsoina hoe Jodasy Iskariota, nankany amin'ny lehiben'ny mpisorona [15]ary nanao hoe: "Omenareo ohatrinona aho hanolorako Azy aminareo?" Nandanja volafotsy madinika telopolo izy ireo ho azy.
[16]Tamin'izany fotoana izany dia nitady fahafahana izy mba hanolorana Azy amin'izy ireo.
[17]Tamin'ny andro voalohan'ny mofo tsy misy lalivay dia nanatona an'i Jesosy ireo mpianatra ka niteny hoe: "Aiza no tianao hanomananay ho anao hihinana ny sakafon'ny paska?" [18]Namaly Izy hoe: "Midira ao an-tanàna misy lehilahy iray ary lazao izy hoe: 'Hoy ny Mpampianatra hoe: "Efa akaiky ny fotoanako. Ato an-tranonao Aho no hanao ny paska miaraka amin'ireo mpianatro."'" [19]Nataon'ireo mpianatra araka izay nandidin'i Jesosy izany, ary nanomana ny sakafon'ny paska izy ireo.
[20]Rehefa tonga ny hariva, dia nipetraka nihinana niaraka tamin'ny mpianatra roa ambin'ny folo Izy. [21]Rehefa nihinana izy ireo, dia hoy Izy hoe: "Lazaiko marina aminareo fa hisy iray aminareo hamadika Ahy." [22]Nalahelo izy ireo ary nanomboka nanontany Azy ny tsirairay hoe: "Tsy ho izaho mihitsy, ry Tompo?"
[23]Namaly Izy hoe: "Izay niara-nanatsoboka ny tanany tamiko tao anaty lovia no ilay iray hamadika Ahy. [24]Handeha ny Zanak'Olona, araka izay efa voasoratra momba Azy. Nefa lozan'ny olona izay hamadika ny Zanak'Olona! Tsara kokoa ho an'izany olona izany no tsy teraka akory." [25]Jodasy, izay hamadika Azy niteny hoe: "Izaho ve izany, Raby o?" Hoy Izy taminy hoe: "Voalazanao."
[26]Raha mbola nihinana izy ireo, dia naka ny mofo Jesosy, nisaotra, ary nanapaka izany. Nomeny ireo mpianatra izany ary niteny hoe: "Raiso, hano. Ity no vatako."
[27]Nandray ny kapoaka Izy ary nisaotra, ary nanome izany azy ireo ka niteny hoe: "Ianareo rehetra, sotroy ity. [28]Fa ity ny ràn'ny fanekem-pihavanana arotsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka. [29]Fa lazaiko aminareo, fa tsy mba hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho, mandra-pihavin'ny fisotroana vaovao hiarahako aminareo any amin'ny fanjakan'ny Raiko."
[30]Rehefa nihira hira fiderana izy ireo, dia nandeha tany amin'ny tendrombohitr'i Oliva. [31]Avy eo hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Ianareo rehetra dia handao Ahy nohon'ny amiko anio alina, fa voasoratra hoe: 'Hamely ny mpiandry ondry Aho dia hiparitaka ny ondry.' [32]Fa aorian'ny fitsanganako amin'ny maty, dia hialoha lalana anareo any Galilia."
[33]Fa Petera nanao taminy hoe: "Na dia handao nohon'ny aminao aza ny rehetra, izaho tsy mba handao mihintsy." [34]Hoy Jesosy taminy hoe: "Lazaiko marina aminao, fa anio alina raha mbola tsy maneno akoho, dia handà Ahy intelo ianao."
[35]Petera niteny taminy hoe: "Na dia tsy maintsy ho faty miaraka aminao aza aho, dia tsy handà anao." Toy izany avokoa no nolazain'ireo mpianatra hafa.
[36]Ary Jesosy nandeha niaraka tamin'izy ireo nankany amin'ny toerana antsoina hoe Getsemane ary nilaza tamin'ny mpianany hoe: "Mipetraha eto raha mbola handeha ery hivavaka Aho." [37]Nitondra an'i Petera mbamin'ny zanak'i Zebedio roa lahy Izy ary nanomboka nalahelo sy ory. [38]Avy eo hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Fadiranovana ny fanahiko, toy ny efa ho faty. Mitoera eto ary mihambena miaraka amiko."
[39]Nisintaka kely Izy, niankohoka ary nivavaka. Hoy Izy hoe: "Ry Raiko, raha azo atao, dia aoka esorina amiko ity kapoaka ity. Nefa, aoka tsy araky ny sitrapoko, fa ny sitraponao." [40]Nanatona ireo mpianatra Izy ary nahita azy ireo resin-tory, ka hoy Izy tamin'i Petera hoe: "Inona, tsy mahavita miambina miaraka amiko na dia ora iray aza va ianareo? [41]Miambena ary mivavaha mba tsy ho azon'ny fakam-panahy ianareo. Mety ihany ny fanahy, fa ny nofo no malemy."
[42]Mbola nandeha fanindroany Izy ary nivavaka. Hoy Izy hoe: "Ry Raiko, raha toa tsy azo esorina amiko ity raha tsy misotro Aho, dia ho atao anie ny sitraponao." [43]Niverina indray Izy ary mbola nahita azy ireo natory, fa navesatra ny mason'izy ireo. [44]Ka nandao azy ireo indray Izy, lasa ary nivavaka fanintelony, nilaza ireo teny ireo ihany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[45]Avy eo Jesosy nanatona ireo mpianatra ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Mbola matory sy miala sasatra va ianareo? Jereo, efa akaiky ny ora, ary ny Zanak'Olona dia hatolotra eo an-tanan'ireo mpanota. [46]Mitsangàna, andeha isika. Jereo, efa akaiky ilay hamadika Ahy."
[47]Raha mbola niteny Izy, dia tonga Jodasy, iray amin'ireo roa ambin'ny folo. Nisy vahoaka maro tonga niaraka taminy avy amin'ny lehiben'ny mpisorona sy ireo loholona. Tonga niaraka tamin'ny sabatra sy langilangy izy ireo. [48]Ary nanome famantarana azy ireo ilay lehilahy hamadika an'i Jesosy, manao hoe: "Izay horohako, no Izy. Sambory Izy."
[49]Teo no eo ihany dia nanatona an'i Jesosy izy ary niteny hoe: "Finaritra, Raby!" Ary nanoroka Azy izy. [50]Hoy Jesosy taminy hoe: "Ry sakaiza, ataovy izay nalehanao eto." Avy eo tonga izy ireo, naninjitra tanana tamin'i Jesosy, ary nisambotra Azy.
[51]Indro, iray tamin'ireo niaraka tamin'i Jesosy naninjitra ny tanany, nanatsoaka ny sabany, nikapa ny mpanompon'ny mpisoronabe, ary nahafaka ny sofiny. [52]Avy eo hoy Jesosy taminy hoe: "Avereno amin'ny toerany ny sabatrao, fa ireo izay mandray sabatra dia ho vonoina amin'ny sabatra. [53]Mieritreritra va ianareo fa tsy afaka miantso ny Raiko Aho, ary Izy dia afaka mandefa ho Ahy tafik'anjely mihoatra noho ny roa ambin'ny folo? [54]Fa atao ahoana izany no hahatanteraka ny Soratra Masina, izay milaza fa tsy maintsy hitranga izany?"
[55]Tamin'izany andro izany Jesosy niteny tamin'ny vahoaka hoe: "Tonga miaraka amin'ny sabatra sy langilangy hisambotra Ahy tahaka ny jiolahy va ianareo? Isan'andro dia nipetraka nampianatra teo amin'ny tempoly Aho, fa tsy nosamborinareo. [56]Fa izany rehetra izany dia nitranga mba hahatanteraka izay voasoratr'ireo mpaminany." Avy eo nandao Azy ireo mpianatra rehetra ka nandositra.
[57]Noentin'ireo nisambotra Azy tany amin'i Kaiafa mpisoronabe Jesosy, izay nivorian'ireo mpanora-dalàna sy loholona. [58]Fa Petera nanaraka Azy avy eny alavitra nankany amin'ny kianjan'ny mpisoronabe. Niditra tao anatiny izy ary nipetraka niaraka tamin'ireo mpiandry raharaha mba hahita izay hiafarany.
[59]Ary ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo Synedriona rehetra dia nitady fiampangana tsy marina manohitra an'i Jesosy, mba mety ahafahan'izy ireo mamono Azy. [60]Tsy nahita na inona na inona izy ireo, na dia nisy mpijoro vavolombelona maro tsy marina tonga aza teo. Ary kelikely avy eo dia nisy roa tonga nanatona teo [61]ary niteny hoe: "Io lehilahy io dia niteny hoe: 'Afaka mandrava ny Tempolin'Andriamanitra Aho ary manangana izany indray afaka telo andro.'"
[62]Nitsangana ilay mpisoronabe ka nanao taminy hoe: "Tsy manan-kavaly va Ianao? Inona izany hiampangan'izy ireo Anao izany?" [63]Fa nangina Jesosy. Hoy ny mpisoronabe taminy hoe: "Mandidy Anao amin'ny alalan'Andriamanitra velona aho, lazao aminay raha Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra." [64]Jesosy namaly azy hoe: "Voalazanao. Fa lazaiko aminareo, manomboka izao dia ho hitanareo ny Zanak'Olona hipetraka eo an-tanana ankavanan'ny Hery, ary ho tonga eo amin'ny rahon'ny lanitra."
[65]Avy eo ny mpisoronabe nandrovitra ny ankanjony ary nilaza hoe: "Niteny ratsy Izy! Nahoana isika no mbola mila mpijoro vavolombelona? Indro, renareo ny fitenenan-dratsy izao. [66]Inona no hevitrareo?" Namaly izy ireo ary nanao hoe: "Mendrika ny ho faty Izy."
[67]Avy eo izy ireo nandrora ny tavany sy nikapoka Azy, ary namely tehamaina Azy, [68]ary nanao hoe: "Maminania aminay, ry Kristy. Iza no namely Anao?"
[69]Ary Petera nipetraka ivelan'ny kianja, ary nisy mpanompo vavy tonga nanatona azy niteny hoe: "Ianao ihany koa dia niaraka tamin'i Jesosin'ny Galilia." [70]Fa nandà izany teo anoloan'izy ireo izy, manao hoe: "Tsy fantatro izay resahanareo."
[71]Rehefa nivoaka ny vavahady izy, dia nisy mpanompo vavy hafa nahita azy ary niteny tamin'ireo izay teo hoe: "Ity lehilahy ity ihany koa dia niaraka tamin'i Jesosy avy any Nazareta." [72]Mbola nandà indray izy niaraka tamin'ny fianianana hoe: "Tsy fantatro izany lehilahy izany!"
[73]Nony afaka kelikely dia nanatona ireo izay nitsangana teo ary niteny tamin'i Petera hoe: "Ianao ihany koa dia tena iray amin'izy ireny, fa ny fomba firesakao dia miampanga anao." [74]Avy eo izy nanomboka nanozona sy niniana ka nanao hoe: "Tsy fanatatro izany lehilahy izany." Ary teo no eo dia naneno ny akoho. [75]Tsaroan'i Petera ny teny nambaran'i Jesosy hoe: "Mbola tsy maneno akoho dia handà Ahy intelo ianao." Avy eo izy nivoaka ary nitomany fatratra.

27 [1]Ary rehefa tonga ny maraina, dia nitetika hanohitra an'i Jesosy mba hamono Azy ireo lehiben'ny mpisorona sy ny loholona rehetra. [2]Izy ireo namatotra Azy, nitarika Azy tany ivelany, ary nanolotra Azy tamin'i Pilato governora.
[3]Ary Jodasy, ilay namadika Azy, rehefa nahita fa voaheloka Jesosy, dia nibebaka izy ary namerina ireo volafotsy telopolo tamin'ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo loholona, [4]ary niteny hoe: "Nanota aho tamin'ny namadihako rà tsy manan-tsiny." Fa izy ireo niteny hoe: "Ahoanay inona? Anao izany." [5]Dia natsipiny tao an-tempoly ireo volafotsy, ary nanainga, sy nivoaka ary nanantona ny tenany Izy.
[6]Ireo lehiben'ny mpisorona naka ireo volafotsy ary niteny hoe: "Tsy ara-dalàna ny mametraka ity ao amin'ny fitehirizam-bola, satria ity dia vidin-drà." [7]Niara-niresaka ny olana izy ireo ary nividy ny sahan'ny mpanao vilany tanimanga izay handevenana ireo vahiny tamin'ireo vola. [8]Ary izany no antony niantsoana izany saha izany hoe: "Sahan'ny Rà" mandrak'androany.
[9]Ary dia tanteraka izay voalaza tamin'ny mpaminany Jeremia, manao hoe: "Naka ny volafotsy telopolo izy ireo, vidy nanombanan'ireo vahoakan'Israely Azy, [10]ary izy ireo nanome izany ho an'ny sahan'ny mpanao vilany tanimanga, araka ny natoron'ny Tompo ahy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Ary Jesosy nijoro teo anolohan'ny governora, ary ny governora nanontany Azy hoe, "Ianao va no mpanjakan'ireo Jiosy?" Jesosy namaly azy hoe: "Voalazanao." [12]Fa rehefa nampangain'ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo loholona Izy, dia tsy namaly na inona na inona. [13]Dia niteny taminy Pilato hoe: "Tsy renao va ny fiampangana rehetra atao aminao?" [14]Fa tsy namaly na dia teny iray aza Izy, gaga tanteraka noho izany ny governora.
[15]Ary isakin'ny firavoravoana dia fomban'ny governora ny mamotsotra gadra iray voafidin'ny vahoaka. [16]Tamin'io fotoana io, nanana gadra malaza ratsy antsoina hoe Barabasy izy ireo.
[17]Noho izany rehefa niara-niangona izy ireo, dia hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Iza no tianareo halefako ho anareo? Barabasy, sa Jesosy izay antsoina hoe Kristy?" [18]Fantany fa nohon'ny fialonana no nanoloran'izy ireo an'i Jesosy taminy.
[19]Raha nipetraka teo amin'ny seza fitsarana izy, dia nandefa teny taminy ny vadiny ary nanao hoe: "Tsy manana na inona na inona atao amin'ity lehilahy tsy manan-tsiny ity aho. Fa ory loatra aho androany nohon'ny nofy azoko momba Azy."
[20]Ary ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo loholona nandresy lahatra ny vahoaka mba hangataka an'i Barabasy, ary hampamono an'i Jesosy. [21]Nanontany azy ireo ny Governora hoe: "Iza amin'izy roa no tianareo halefako ho anareo?" Hoy izy ireo hoe: "Barabasy." [22]Pilato niteny tamin'izy ireo hoe: "Inona no tokony ataoko amin'i Jesosy izay antsoina hoe Kristy?" Izy rehetra namaly hoe: "Fantsiho amin'ny hazofijaliana Izy."
[23]Dia hoy Izy hoe: "Nahoana, inona no heloka nataony?" Fa vao mainka izy ireo nihiaka mafy hoe: "Fantsiho amin'ny hazofijaliana Izy." [24]Fa rehefa hitan'i Pilato fa tsy afaka hanao na inona na inona izy, kanefa efa nanomboka ny tabataba, dia naka rano izy, nanasa ny tanany teo anoloan'ny vahoaka, ary nanao hoe: "Tsy manan-tsiny amin'ny ràn'ity lehilahy tsy manan-tsiny ity aho. Fa asanareo izany."
[25]Ireo olona rehetra niteny hoe: "Ho aminay sy ny zanakay anie ny ràny." [26]Dia nalefany ho an'izy ireo Barabasy, fa nively karavasy an'i Jesosy izy ary nanolotra Azy ho fantsihina.
[27]Avy eo ireo miaramilan'ny governora naka an'i Jesosy hankao an-dapa ary nanangona ireo vondrona miaramila rehetra.
[28]Nanala ny fitafiany izy ireo ary nampanao akanjo jaky Azy. [29]Nanamboatra satro-boninahitra tsilo izy ireo ary nametraka izany teo an-dohany, ary nametraka tehina teo amin'ny tanany ankavanana. Nandohalika teo anatrehany izy ireo ary naneso Azy, nanao hoe: "Arahaba, ry mpanjakan'ny Jiosy!"
[30]Nororain'izy ireo Izy, ary nalain'izy ireo ny tehina dia nikapoka Azy im-be dia be teo amin'ny lohany. [31]Rehefa avy naneso Azy izy ireo, dia nanala ny akanjo lavany ary nampitafy Azy ny fitafiany, ary nitondra Azy nivoaka mba hamantsika Azy amin'ny hazofijaliana.
[32]Rehefa nivoaka izy ireo, dia nahita lehilahy iray avy any Syrena antsoina hoe Simona, izay noteren'izy ireo hiaraka amin'izy ireo mba hampilanjaina ny hazofijaliany. [33]Nankany amin'ny toerana antsoina hoe Golgota izy ireo, izay midika hoe "Toeran'ny Karandoha." [34]Nomen'izy ireo divay mifangaro amin'ny afero Izy mba ho sotroina. Fa rehefa nandramany izany, dia tsy nisotro Izy.
[35]Rehefa nofantsihin'izy ireo tamin'ny hazofijaliana Izy, dia nataon'izy ireo loka ny fizarana ireo fitafiany, [36]ka nipetraka izy ireo ary nijanona niambina Azy. [37]Teo ambonin'ny lohany no nametrahan'izy ireo soratra milaza ny nanamelohana Azy, izay mivaky hoe: "Ity no Jesosy, mpanjakan'ireo Jiosy."
[38]Nisy jiolahy roa nofantsihina niaraka taminy, ny iray teo ankavanany ary iray teo ankavia. [39]Ireo izay nandalo dia nanevateva Azy, nanivingivina ny lohan'izy ireo [40]ary nanao hoe: "Ianao izay handrava ny tempoly ary hanamboatra izany indray ao anatin'ny telo andro, vonjeo ny tenanao! Raha Ianao no Zanak'Andriamanitra, midinà avy eny amin'ny hazofijaliana!"
[41]Toy izany koa ireo lehiben'ny mpisorona naneso Azy, niaraka tamin'ireo mpanora-dalàna sy ireo loholona, ary niteny hoe: [42]"Nanavotra ireo hafa Izy, fa tsy afaka manavotra ny tenany. Izy no mpanjakan'Israely. Avelao Izy hidina eny amin'ny hazofijaliana, ary dia hino Azy isika.
[43]Natoky an'Andriamanitra Izy, avelao Andriamanitra hamonjy Azy izao, raha mankasitraka ny hanafaka Azy Andriamanitra. Fa na Izy aza dia niteny hoe: 'Izaho no Zanak'Andriamanitra.'" [44]Toy izany koa ireo jiolahy izay nofantsihina niaraka taminy niteny fanevatevana taminy ihany koa.
[45]Ary nanomboka tamin'ny ora fahaenina dia nandrakotra ny tany rehetra ny aizina ka hatramin'ny ora fahasivy. [46]Teo amin'ny ora fahasivy, dia nihiaka tamin'ny feo mafy Jesosy ary nanao hoe: "Ely, Ely, lamà sabaktani?" Izay midika hoe: "Andriamanitro, Andriamanitro, nahoana no nandao Ahy Ianao?" [47]Rehefa ren'ny sasany tamin'ireo izay nitsangana teo izany, dia hoy izy ireo: "Miantso an'i Elia Izy."
[48]Teo no eo dia nihazakazaka ny iray tamin'izy ireo ary naka spaonjy, namonto izany tamin'ny vinaingitra, nametraka izany tamin'ny tohitohina bararata, ary nanome izany Azy mba ho sotroina. [49]Ny sasany tamin'izy ireo niteny hoe: "Avelao Izy. Hitantsika eo raha ho tonga hamonjy Azy Elia." [50]Dia nihiaka tamin'ny feo mafy indray Jesosy ary nanolotra ny fanahiny.
[51]Indro, ny lamban'ny tempoly nitriatra roa hatrany ambony ka hatrany ambany, ary nihorohoro ny tany, ary vaky nisasaka ireo vatolampy. [52]Nisokatra ireo fasana, ary ny fatin'ireo olon'Andriamanitra maro izay nodimandry dia natsangana. [53]Izy ireo dia nivoaka avy tao amin'ny fasana taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty, niditra ny tanàna masina, ary niseho tamin'ny maro.
[54]Ary ireo kapiteny sy ireo izay nijery an'i Jesosy rehefa nahita ny horohoron-tany sy ireo zavatra izay nitranga, dia lasa natahotra mafy ary nanao hoe: "Zanak'Andriamanitra marina ity." [55]Nisy Vehivavy maro izay nanaraka an'i Jesosy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hatrany Galilia mba hikarakara Azy teo nijery avy eny alavitra. [56]Tamin'izy ireo Maria Magdalena, Maria renin'i Jakoba sy Josefa, ary ny renin'ireo zanakalahin'i Zebedio.
[57]Rehefa hariva ny andro, dia nisy lehilahy iray manan-karena avy any Armatia tonga, antsoina hoe Josefa, izay mpianatr'i Jesosy ihany koa. [58]Nanatona an'i Pilato izy ary nangataka ny fatin'i Jesosy. Dia nobaikon'i Pilato omena azy izany.
[59]Naka ny faty Josefa, namono izany tamin'ny lamba rongony madio, [60]ary nampandry izany tamin'ny fasany vaovao izay nolavahany tamin'ny vatolampy. Dia nanakodia vato lehibe hanohina ny varavaran'ny fasana izy ary nivoaka. [61]Maria Magdalena sy ireo Maria hafa dia teo, nipetraka teo ampitan'ny fasana.
[62]Ny andro manaraka, izay andro aorian'ny Fanomanana, dia niara-niangona tamin'i Pilato ireo lehiben'ny mpisorona sy ireo Fariseo. [63]Hoy izy ireo hoe: "Tompoko, tadidinay fa tamin'ny mbola velona iny mpamitaka iny, dia hoy Izy hoe: 'Aorian'ny telo andro, dia hitsangana indray Aho.' [64]Ka noho izany, mandidia mba ho ambenana ny fasana hatramin'ny andro fahatelo, raha tsy izany ireo mpianany mety ho avy ary hangalatra Azy dia hiteny amin'ny olona hoe: 'Nitsangana tamin'ny maty Izy', ary ny fitaka farany dia ho ratsy noho ilay tamin'ny voalohany."
[65]Hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Makà mpiambina. Mandehana ary ambeno tsara araka izay vitanareo izany." [66]Dia nandeha izy ireo ary niambina ny fasana, nanisy tombo-kase ny vato ary nametraka ny mpiambina.

28 [1]Ary tamin'ny alin'ny Sabata, raha vao nanomboka mangiran-dratsy ny andro voalohany amin'ny herinandro, dia lasa nandeha nijery ny fasana Maria Magdalena sy ilay Maria iray hafa. [2]Indro, nisy horohoron-tany be, fa ny anjelin'ny Tompo no nidina avy any an-danitra, tonga ary nanakodia ny vato, ka nipetraka teo ambonin'izany.
[3]Ny endriny dia toy ny tselatra, ary ny akanjony dia fotsy tahaka ny oram-panala. [4]Raiki-tahotra ireo mpiambina ka nanjary tahaka ny lehilahy maty.
[5]Niresaka tamin'ireo vehivavy ilay anjely ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra, fantatro fa mitady an'i Jesosy ianareo, ilay nofantsihina tamin'ny hazofijaliana. [6]Tsy ato Izy, fa efa nitsangana, araka ny efa nolazainy. Avia jereo ny toerana izay nandrian'ny Tompo. [7]Mandehana faingana ary teneno ireo mpianany hoe: 'Nitsangana tamin'ny maty Izy. Indro, efa nandeha nialoha anareo any Galilea Izy. Any no hahitanareo Azy.' Indro, efa voalazako taminareo."
[8]Nandao haingana ny fasana tamin-tahotra sy tamin'ny hafaliana lehibe ireo vehivavy, ary nihazakazaka mba hiteny ireo mpianany. [9]Indro, nihaona tamin'izy ireo Jesosy ary niteny hoe: "Arahaba!" Nanatona ireo vehivavy, nihazona ny tongony ary nidera Azy. [10]Ary avy eo Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra. Mandehana miteny amin'ireo rahalahiko mba hiala ka hihazo an'i Galilia. Any no hahitan'izy ireo Ahy."
[11]Ary raha mbola iny nandeha iny ireo vehivavy, indro, ny sasany tamin'ireo mpiambina nankany amin'ny tanàn-dehibe ary niteny tamin'ny lohan'ny mpisorona ny zavatra rehetra izay niseho. [12]Rehefa nihaona tamin'ireo loholona ny mpisorona ary niresaka momban'ny olana tamin'izy ireo, dia nanome vola be an'ireo miaramila izy ireo [13]ary niteny azy ireo hoe: "Lazao amin'ireo hafa hoe: 'Tonga tamin'ny andro alina ireo mpianatr'i Jesosy ary nangalatra ny vatany raha mbola natory izahay.'
[14]Raha tonga any amin'ny governora izany tatitra izany, dia handresy lahatra azy isika ary hanala ny ahiahy aminareo."
[15]Ary dia nalain'ny miaramila ny vola ary nanao araka izay efa nolazaina azy izy ireo. Ary izany tatitra izany dia nieli-patrana teo amin'ireo Jiosy ary mitohy mandrak'ankehitriny aza.
[16]Fa nankany Galilea ireo mpianatra iraika ambin'ny folo, tany amin'ny tendrombohitra izay efa natoron'i Jesosy azy ireo.
[17]Rehefa nahita Azy izy ireo, dia nidera azy, fa ny sasany kosa niahiahy.
[18]Nanatona azy ireo Jesosy ka niresaka tamin'izy ireo ary niteny hoe: "Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany. [19]Koa mandehana ary ataovy tonga mpianatro ny firenen-drehetra. Ataovy batisa izy ireo amin'ny anaran'ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina.
[20]Ampianaro izy ireo hankatoa ny zavatra rehetra izay nandidiako anareo. Indro, miaraka aminareo foana Aho, eny fa na hatramin'ny fiafaran'izao tontolo izao aza."

Marka

1 [1]Ity ny fiandohan'ny filazantsaran'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra. [2]Araka izay voasoratra ao amin'Isaia mpaminany hoe: "Indro, Izaho maniraka ny irako hialoha Anao, ilay iray hamboatra ny lalanao. [3]Misy feo re miantso mafy any an'efitra hoe: "Ataovy vonona ny lalan'ny Tompo; ataovy mahitsy ny lalan-kalehany."'
[4]Tonga Jaona, nanao batisa tany an'efitra ary nitory ny batisan'ny fibebahana ho amin'ny famelan-keloka nohon'ny ota.
[5]Ny tanin'i Jodia rehetra sy ny mponina rehetra ao Jerosalema dia tonga nanatona azy. Nataony batisa tao amin'ny onin'i Jordana izy ireo, rehefa niaiky ny fahotany. [6]Jaona dia nitafy lamba volon-drameva ary nanao fehikibo hoditra teo am-balahany, ary valala sy tantely remby no nohaniny.
[7]Nanambara izy hoe: "Misy iray ho avy manaraka ahy izay mahery mihoatra ahy, ary tsy mendrika aho na dia ny hamaha ny fehin-kapany aza. [8]Izaho nanao batisa anareo tamin'ny rano, fa Izy kosa hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina."
[9]Tamin'ireo andro nahatongavan'i Jesosy avy any Nazareta tao Galilia no nitranga izany, ary nataon'i Jaona batisa tao amin'ny onin'i Jordana Izy. [10]Raha vao nivoaka ny rano Jesosy, dia hitany nisokatra ny lanitra ary nidina teo aminy tahaka ny voromailala ny Fanahy. [11]Ary nisy feo avy any an-danitra nanao hoe: "Ianao no Zanako malalako. Ianao no sitrako."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Avy eo dia notaomin'ny Fanahy ho any an'efitra Jesosy. [13]Efapolo andro Izy no tany an'efitra, nalain'ny satana fanahy. Nitoetra niaraka tamin'ny bibidia Izy, ary nanompo Azy ireo anjely.
[14]Ary rehefa voasambotra Jaona, dia tonga tao Galilia Jesosy nitory ny filazantsaran' Andriamanitra, [15]ary nilaza hoe: "Efa tonga ny fotoana, ary efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra. Mibebaha dia minoa ny filazantsara."
[16]Rehefa nandeha teny amoron-dranomasin'i Galilia Izy, dia nahita an'i Simona sy Andrea rahalahan'i Simona nanarato, satria mpanarato izy ireo. [17]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Avia, manaraha Ahy, fa ataoko mpanarato olona ianareo." [18]Teo no eo dia namela ny harato izy ireo ka nanaraka Azy.
[19]Rehefa nandeha lavidavitra Jesosy, dia nahita an'i Jakoba zanak'i Zebedio sy Jaona rahalahiny; izay tao an-tsambokely namboatra ny harato. [20]Niantso azy ireo Izy ka dia nilaozany tao an-tsambokely avy hatrany Zebedio rainy niaraka tamin'ireo mpikarama, ka nanaraka Azy izy ireo.
[21]Avy eo dia tonga tao Kapernaomy izy ireo, ary tamin'ny andro Sabata, dia niditra tao amin'ny synagoga Jesosy ary nampianatra. [22]Talanjona tamin'ny fampianarany izy ireo, satria nampianatra azy ireo toy ny olona manana fahefana Izy fa tsy tahaka ireo mpanora-dalàna.
[23]Avy eo nisy lehilahy iray tao amin'ny synagogan'izy ireo izay nanana fanahy maloto nihiaka mafy, [24]nanao hoe: "Inona no hifandraisanay aminao, ry Jesosy avy any Nazareta? Tonga hamotika anay va Ianao? Fantatro hoe iza Ianao. Ianao ilay Masin'Andriamanitra!" [25]Niteny mafy ny demonia Jesosy ka nanao hoe: "Mangina ary mivoaha aminy!" [26]Ary ilay fanahy maloto nandavo azy sy nivoaka taminy ka niantso tamin'ny feo mahery.
[27]Talanjona ny olona rehetra, ka nifanontany izy ireo hoe: "Inona ity? Fampianarana vaovao misy fahefana? Baikoiny na dia ireo fanahy maloto aza ary manaiky Azy izy ireo!" [28]Ny vaovao momba Azy dia niparitaka teny rehetra teny tao amin'ny faritr'i Galilia iray manontolo.
[29]Rehefa avy nivoaka ny synagoga, dia tonga tao an-tranon'i Simona sy Andrea izy ireo, niaraka tamin'i Jakoba sy Jaona.
[30]Ary ny rafozam-bavin'i Simona nandry nararin'ny tazo, ka nolazain'izy ireo an'i Jesosy ny momba azy. [31]Dia nanatona Izy, ka nandray azy tamin'ny tanany, ary nanarina azy; dia afaka ny tazony, ary nanomboka nanompo azy ireo izy.
[32]Tamin'io hariva io, taorian'ny filentehan'ny masoandro, dia nentin'izy ireo teo aminy izay narary rehetra na misy demonia. [33]Tafavory niaraka teo am-baravarana ny tao an-tanàna rehetra. [34]Nanasitrana olona maro izay nararin'ny aretina samihafa Izy ary nandroaka demonia maro, fa tsy navelany hiteny ireo demonia satria nahafantatra Azy izy ireo.
[35]Nifoha maraina be Izy, raha mbola maizina ny andro; niala teo Izy ka nandeha tany amin'ny toerana mitokana ary teo Izy no nivavaka. [36]Nitady Azy Simona sy ireo izay niaraka taminy. [37]Nahita Azy izy ireo ary nilaza taminy hoe: "Mitady Anao ny olona rehetra."
[38]Hoy Izy hoe: "Andeha isika ho any amin'ny toeran-kafa, any ivelany ao amin'ireo tanàna manodidina, mba hafahako mitory teny any koa. Fa izany no antony nivoahako taty." [39]Dia nitety an'i Galilia manontolo Izy, nitory teny tao amin'ny synagogan'izy ireo sady nandroaka demonia maro.
[40]Nisy boka iray tonga teo aminy. Nitalaho taminy izy; nandohalika teo Aminy ary nilaza taminy hoe: "Raha sitrakao, dia afaka manadio ahy Ianao." [41]Onena azy, dia naninjitra ny tanany Jesosy ary nikasika azy, nanao taminy hoe: "Sitrako. Madiova ianao." [42]Niala taminy avy hatrany ny habokana, ary nadio izy.
[43]Nampitandrina mafy azy Jesosy ary nandefa azy. [44]Hoy Izy taminy hoe: "Tandremo tsy hilaza na inona na inona amin'iza na amin'iza ianao, fa mandehana, asehoy amin'ny mpisorona ny tenanao, ary manaova fanatitra nohon'ny fanadiovana anao araka ny nandidian'i Mosesy, mba ho fijoroana vavolombelona ho azy ireo."
[45]Fa nivoaka izy ary nanomboka nilaza tamin'ny olona rehetra sy nampiely loatra ny teny ka dia tsy afaka niditra an-kalalahana tany amin'ny tanàna rehetra intsony Jesosy. Ka nitoetra tany ivelany tany amin'ny toerana mitokana Izy ary nanatona Azy ny olona avy amin'ny toerana rehetra.

2 [1]Rehefa niverina tao Kapernaomy Izy afaka andro vitsivitsy, dia re fa tao an-trano Izy. [2]Maro tokoa ny olona nitangorona teo hany ka tsy nisy toerana intsony, na dia ny teo am-baravarana aza, ary nanambara ny teny tamin'izy ireo Jesosy.
[3]Dia nisy lehilahy maromaro nanatona Azy izay nitondra lehilahy malemy iray; izay nolanjain'olona efa-dahy. [4]Rehefa tsy afaka nanatona Azy akaiky izy ireo nohon'ny habetsaky ny vahoaka, dia nesorin’izy ireo ny tafon-trano izay teo ambonin'i Jesosy, ary rehefa voasokatr'izy ireo, dia nampidinin'izy ireo ny fandriana izay nandrian'ilay lehilahy malemy.
[5]Nony nahita ny finoan'izy ireo, dia hoy Jesosy tamin'ilay lehilahy malemy hoe: "Anaka, voavela ny helokao." [6]Ary nisy sasany tamin'ireo mpanora-dalàna nipetraka teo, ka nimonomonona tao am-pon'izy ireo hoe: [7]"Ahoana no ahafahan'io lehilahy io miteny tahaka izany? Miteny ratsy Izy! Fa tsy Andriamanitra irery ihany va no afaka mamela heloka?"
[8]Fa Jesosy nahafantatra avy hatrany tao amin'ny fanahiny ny zavatra noeritreretin'izy ireo. Ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mieritreritra izany zavatra izany ao am-ponareo? [9]Inona no moramora kokoa ny miteny amin'ilay lehilahy malemy hoe: 'Voavela ny helokao' sa ny hoe: 'Mitsangàna, batao ny fandrianao, dia mandehana'?
[10]Fa mba hahafantaranareo fa manana fahefana hamela heloka ety an-tany ny Zanak'Olona," hoy Izy tamin'ilay malemy hoe: [11]"Lazaiko aminao, mitsangàna, batao ny fandrianao, dia mandehana any an-tranonao". [12]Dia nitsangana izy ka nibata ny fandriany avy hatrany, ary nivoaka an'ilay trano manoloana ny rehetra, ka dia talanjona izy rehetra ka nanome voninahitra an'Andriamanitra, ary hoy izy ireo hoe: "Tsy mbola nahita zavatra tahaka ity izahay."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Avy eo nivoaka teo amoron-dranomasina indray Izy, ary nanatona azy avokoa ny vahoaka, ka nampianariny izy ireo.
[14]Ary rehefa nandalo Izy, dia nahita an'i Levi zanak'i Alfeo nipetraka teo amin'ny toerana fanangonana hetra ka hoy Izy taminy hoe: "Manaraha Ahy." Dia nitsangana izy ka nanaraka Azy.
[15]Nisakafo tao an-tranon'i Levy Jesosy ary mpamory hetra sy olona mpanota maro no niara-nihinana taminy sy ireo mpianany, fa maro izy ireo no tao ary nanaraka Azy. [16]Ary ireo mpanora-dalàna, izay Fariseo, rehefa nahita an'i Jesosy niara-nisakafo tamin'ireo olona mpanota sy ireo mpamory hetra, dia nanontany ny mpianany hoe: "Nahoana Izy no miara-misakafo amin'ny mpamory hetra sy olona mpanota?"
[17]Rehefa nandre izany Jesosy dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Tsy ny salama no mila mpitsabo; fa izay marary irery ihany no mila izany. Tsy tonga hiantso ny olo-marina Aho, fa ny olona mpanota."
[18]Ary nifady hanina ireo mpianatr'i Jaona sy ireo Fariseo. Lehilahy maromaro no nanatona Azy ka niteny taminy hoe: "Nahoana ny mpianatr'i Jaona sy ny mpianatr'ireo Fariseo no mifady hanina, fa ny mpianatrao kosa tsy mba mifady?"
[19]Dia hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Afaka mifady hanina va ny mpanatrika ny fampakarana raha mbola eo ny mpampakatra? Raha mbola miaraka amin’izy ireo eo ny mpampakatra, dia tsy afaka mifady hanina izy ireo.
[20]Ho avy ny andro hanalana ny mpampakatra eo amin'izy ireo, dia amin'izay andro izay, no hifady hanina izy ireo. [21]Tsy misy manampina lamba tonta amin'ny lamba vaovao, raha tsy izany dia hiala aminy ilay tapa-damba, ny vaovao hiala amin'ny taloha, ary vao maika ho ratsy ny faharovitana.
[22]Ary tsy misy olona manisy divay vaovao ao anaty siny hoditra tonta, raha tsy izany dia ho rovitry ny divay ny hoditra ka samy ho very ny divay sy ny siny hoditra. Fa kosa, divay vaovao atao ao anaty siny hoditra vaovao."
[23]Tamin'ny andro sabata Jesosy nandeha teny amin'ny tanimbary maromaro, ary nanomboka nioty salohimbary ny mpianany. [24]Dia hoy ireo Fariseo Taminy: "Jereo, nahoana izy ireo no manao zavatra tsy araky ny lalànan'ny andro Sabata?"
[25]Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Mbola tsy novakianareo angaha izay nataon'i Davida rehefa tao anatin'ny tsy fahampiana sy hanoanana izy_ sy ireo lehilahy niaraka taminy_ [26]ahoana ny fomba nidirany tao an-tranon'Andriamanitra tamin'ny andron' i Abiatara mpisoronabe, ka nihinana ny mofon'ny fanatrehana, izay tsy ara-dalàna ho an'iza na iza ny mihinana azy afa-tsy ny mpisorona ihany, ary mbola nanomezany maromaro ireo izay niaraka taminy aza?"
[27]Jesosy niteny hoe: "Ny Sabata dia natao ho an'ny zanak'olombelona, fa tsy ny zanak'olombelona no ho an'ny Sabata.
[28]Noho izany, ny Zanak'Olona no Tompo, na dia amin'ny Sabata aza."

3 [1]Dia nandeha tao amin'ny synagoga indray Jesosy ary nisy lehilahy maty tanana tao. [2]Nijery akaiky Azy ny olona sasantsasany mba hahita raha hanasitrana azy amin'ny Sabata Izy mba afahan'izy ireo manameloka Azy.
[3]Hoy Jesosy tamin'ilay lehilahy maty tànana hoe: "Mitsangàna ary mijoroa eto afovoan'ny olon-drehetra eto." [4]Dia niteny tamin'ny olona Izy hoe: "Ara-dalàna va ny manao soa amin'ny andro Sabata sa ny manao ratsy; ny mamonjy aina, sa ny mahafaty?" Nefa izy ireo tsy nahaloa-teny.
[5]Nijery azy ireo tamim-pahatezerana Jesosy, ary nalahelo Izy nohon'ny hamafin'ny fon'izy ireo, dia niteny tamin'ilay lehilahy Izy hoe: "Ahinjiro ny tananao." Dia natsotran'ilay lehilahy ny tanany ka sitrana. [6]Nivoaka ireo fariseo ary nikonokonona faingana niaraka tamin'ny Herodiana hitady izay fomba hamonoana Azy.
[7]Avy eo Jesosy, niaraka tamin'ireo mpianany, nankeny an-dranomasina, ary nisy vahoaka maro nanaraka avy any Galilia sy avy any Jodia [8]ary avy any Jerosalema sy avy any Edoma ary hatrany amin'ny onin'i Jordana sy manodidina ny Tyra sy Sidona. Rehefa nahare momba ireo zavatra nataony izy ireo, dia nisy vahoaka maro nankeo aminy.
[9]Dia nampitady sambokely ny mpianany Jesosy ho Azy nohon'ny habetsaky ny olona teo, mba tsy hifanosehan'ny olona Izy. [10]Noho Izy nanasitrana olona maro, dia nifandrombaka nanatona Azy ny olon-drehetra izay nanana aretina mba hikasika Azy.
[11]Isaky ny nahita Azy ireo fanahy maloto, dia niankohoka teo anoloany ary nihiaka, ary hoy izy ireo hoe: "Ianao no Zanak'Andriamanitra." [12]Noteneniny mafy ireo mba tsy hampahafantatra Azy.
[13]Niakatra teny an-tendrombohitra Izy, ary niantso ireo izay tiany, dia nankeo aminy ireo. [14]Nanendry ireo roa ambinifolo Izy (izay nantsoiny hoe Apostoly), mba hafahan'izy ireo miaraka aminy sy hafahany mandefa azy ireo mitory ny hafatra,
[15]ary hanana fahefana handroaka demonia. [16]Avy eo dia nanendry ireo roa ambinifolo Izy: Simona, izay nomeny anarana hoe Petera;
[17]Jakoba zanak'i Zebedio, sy Jaona rahalahiny, izay nomeny ny anarana hoe Boanarijesy, izay midika hoe, zana-baratra;
[18]ary Andrea, Filipo, Baritolomeo, Matio, Tomasy, Jakoba zanak'i Alfeo, Tadeo, Simona Zelota, [19]ary Jodasy Iskariota, izay hamadika Azy.
[20]Dia nody tany an-trano Izy, ary niara-tonga indray ny vahoaka, hany ka tsy afaka nisakafo akory izy ireo. [21]Rehefa nandre ny momba izany ny fianakaviany, dia nivoaka izy ireo haka Azy, satria nolazain'izy ireo hoe: "Very saina Izy."
[22]Ary ireo mpanora-dalàna izay nidina avy any Jerosalema dia nilaza fa: "Itoeran'i Belzeboba Izy", ka, "Amin’ny alalan’ny mpanapaky ny demonia no androahany ny demonia."
[23]Dia nantsoin'i Jesosy hankeo aminy ireo ka niteny azy ireo tamin'ny alalan'ny fanoharana hoe: "Ahoana no hahafahan'i Satana mandroaka an'i Satana? [24]Raha misy fanjakana miady an-trano, dia ho rava izany. [25]Ary raha misy tokan-trano miady an-trano, dia tsy haharitra izany tokan-trano izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Raha nitsangana nanohitra ny tenany Satana ary nisaraka, dia tsy haharitra, ka hifarana. [27]Fa tsy misy afaka miditra ao amin'ny tranona lehilahy mahery iray ary mandroba ny fananany raha tsy mamatotra ilay mahery aloha, ary handroba ny tranony izy avy eo.
[28]Lazaiko marina aminareo, ho voavela avokoa ny heloky ny zanak'olombelona, na dia ireo teny ratsy rehetra izay avoakan'ny vavany aza, [29]fa izay miteny ratsy ny Fanahy Masina kosa dia tsy ho voavela heloka mandrakizay, fa meloka nohon'ny ota mandrakizay." [30]Nanambara izany Jesosy nohon'ny filazan'izy ireo hoe: "Manana fanahy maloto Izy."
[31]Avy eo dia tonga ny reniny sy ireo rahalahiny ary nijoro teny ivelany. Nandefa olona nampahafantatra Azy izy ireo, ka nampiantso Azy. [32]Nipetraka manodidina Azy ny vahoaka ary hoy izy ireo taminy hoe: "Ny reninao sy ireo rahalahinao dia ao ivelany ao, ary mitady anao izy ireo."
[33]Ary Izy namaly hoe: "Iza no reniko sy rahalahiko?" [34]Ary nijery nanodidina tamin'ny olona nipetraka manodidina Azy Izy ary hoy Izy hoe: "Jereo, ireto ny reniko sy ny rahalahiko! [35]Fa na iza na iza manao ny sitrapon'Andriamanitra, dia izany olona izany no rahalahiko, sy anabaviko, ary reniko."

4 [1]Ary nanomboka nampianatra teo amoron'ny ranomasina indray Izy, ary nisy vahoaka be niangona nanodidina Azy. Niditra tao an-tsambokely izay teo an-dranomasina Izy, ary nipetraka tao amin'izany. Ny vahoaka rehetra kosa dia nijanona teo amoron'ny ranomasina. [2]Nampianatra azy ireo zavatra maro tamin'ny alalan'ny fanoharana Izy, ary tao amin'ny fampianarany, dia izao no nolazainy tamin'izy ireo.
[3]"Henoy, nisy mpamafy handeha hamafy voa. [4]Ary raha namafy izy, dia nisy voa sasany niraraka tamin'ny lalana, ka avy ireo vorona ary nihinana izany. [5]Ny voa sasany niraraka tamin'ny tany feno vatovato, izay tsy nisy tany firy. Tonga dia nitsimoka avy hatrany izy ireny, satria tsy lalina ny tany nisy azy.
[6]Fa rehefa niposaka ny masoandro, dia nalazo izy ireo, ary satria tsy nisy fakany izy ireo, dia maina. [7]Ny voa hafa niraraka tamin'ny tany feno tsilo. Ary nitsimoka niha-lehibe ireo tsilo ireo dia nangeja azy, ka tsy namoa voa.
[8]Ny voa hafa niraraka tamin'ny tany tsara ka namokatra voa teo am-pitomboana ary nihamaro, ary ny sasany nitombo avo telopolo heny, ny sasany enimpolo, ary ny sasany zato." [9]Avy eo dia hoy Izy hoe: "Izay manan-tsofina hoenti-mihaino, aoka izy hihaino!"
[10]Rehefa irery Jesosy, dia nanontany Azy momba io fanoharana io ireo izay akaiky Azy sy ireo mpianany roambinifolo.
[11]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Ho anareo no nanomezana ny zava-miafin'ny fanjakan'Andriamanitra. Fa ho an'ireo izay any ivelany dia fanoharana avokoa, [12]mba amin'ny fotoana hijeren'izy ireo, eny hijery izy ireo, nefa tsy hahita, ary mba amin'ny fotoana hihainoan'izy ireo, eny handre izy ireo, nefa tsy hahafantatra izany, na koa hiodina izy ireo dia hamindra fo amin'izy ireo Andriamanitra."
[13]Ary hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Tsy azonareo va izany fanoharana izany? Ahoana izany no hahazoanareo ireo fanoharana hafa rehetra? [14]Ilay mpamboly izay mamafy ny voa dia ilay iray izay mamafy ny teny. [15]Ireto no ilay niraraka teny an-dalana, izay namafazana ny teny, fa rehefa ren'izy ireo izany, dia tonga avy hatrany Satana ary hangalatra ny teny izay voafafy tamin'izy ireo.
[16]Ireto no ilay voafafy tamin'ny tany feno vatovato, izay, rehefa nandre ny teny, dia nandray izany avy hatrany tamim-pifaliana. [17]Tsy misy fakany ao amin'izy izy ireo, fa maharitra fotoana fohy fotsiny. Dia tonga ny fahoriana na ny fanenjehana nohon'ny teny, ka avy hatrany dia lavo izy ireo.
[18]Ireo hafa no ilay voafafy tamin'ny tany feno tsilo. Ren'izy ireo ny teny, [19]fa ny fanahian'izao tontolo izao, ny famitahan'ny harena, sy ny filàna ny zavatra hafa dia tafiditra ka mangeja ny teny, ka tsy mamoa vokatra izany. [20]Ary ireo izay voafafy teny amin'ny tany tsara dia ireo izay mandre ny teny ary mandray izany, ka namoa vokatra izy ireo_ telopolo, enimpolo, na avo zato henin'izay nafafy."
[21]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Moa entinao ao ao an-trano va ny jiro mba ho atao ao ambany sobika, na ambanin'ny farafara? Entinao miditra izany dia hataonao ambonin'ny fitoeran-jiro. [22]Fa tsy misy zava-miafina izay tsy ho fantatra, ary tsy misy tsiambaratelo izay tsy hivoaka. [23]Raha misy manan-tsofina hoenti-mihaino, aoka izy hihaino!"
[24]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Mitandrema amin'ny teny izay renareo, fa arakaraky ny ohatra anoharanareo ihany, no anoharana anareo, ary ho ampiana aminareo izany. [25]Satria na iza na iza manana, dia homena betsaka kokoa izy, ary na iza na iza tsy manana, na izay ananany aza hesorina aminy."
[26]Ary hoy ihany koa Izy hoe: "Ny fanjakan' Andriamanitra dia tahaka ny olona iray mamafy ny voany amin'ny tany.
[27]Matory izy amin'ny alina ary mifoha amin’ny maraina, ary ny voa dia mitsimoka ka maniry, fa tsy fantany hoe ahoana.
[28]Ny tany dia mamoa amin'ny tenany ihany: voalohany ny rantsany, avy eo ny tahony, avy eo ny voa matoy eo amin'ny tahony. [29]Ary rehefa matoy ny voa dia avy hatrany izy dia handefa fijinjana, fa efa tonga ny fotoam-pijinjana."
[30]Ary hoy indray Izy hoe: "Inona no azontsika ampitahana ny fanjakan'Andriamanitra, na inona no fanoharana hampiasaintsika hanazavana izany? [31]Izany dia tahaka ny voatsinampy izay, rehefa hafafy, dia izy no voa kely indrindra amin'ny voa rehetra eto ambonin'ny tany. [32]Nefa, rehefa voafafy izany, dia mitsimoka ary lasa lehibe noho ny hazo rehetra, ary mamoa rantsana vaventy, ka azon'ny voromanidina hanaovana ny tranony eo amin'ny alokalony."
[33]Ary fanoharana maro toy izany no nanambarany ny teny tamin'izy ireo, araka izay fahazoan’izy ireo azy, [34]ary tsy niteny tamin'izy ireo afa-tsy tamin'ny fanoharana Izy. Saingy rehefa irery Izy, dia nohazavainy tamin'ireo mpianany manokana ny zavatra rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[35]Tamin'izany andro izany, rehefa tonga ny hariva, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Andeha isika hita ery am-pita." [36]Ka niala teo amin'ireo vahoaka izy ireo, nitondra an'i Jesosy niaraka tamin' izy ireo, raha iny Izy, tao anaty sambokely iny. Nisy sambokely hafa nandeha niaraka taminy. [37]Avy eo nanomboka nisy tafio-drivotra be ary ny onjan-drano nanafotra ny sambokely ka efa saika feno rano ny sambokely.
[38]Ary Jesosy irery natory teo ambodin'ny sambokely, tambonin'ny ondana. Nofohazin'izy ireo Izy, nanao hoe: "Mpampianatra o, tsy mampaninona Anao ve raha ho faty eto isika?" [39]Ary nifoha Izy, dia niteny mafy tamin'ny rivotra, ary niteny tamin'ny ranomasina hoe: "Mitsahara! mitonia!" Ary nitsahatra ny rivotra, ka nisy fitoniana be.
[40]Ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no matahotra? Mbola tsy manam-pinoana foana va ianareo?" [41]Feno tahotra izy ireo ka nifampiteny hoe: "Iza moa ity, fa na dia ny rivotra sy ny ranomasina aza manaiky Azy?"

5 [1]Tonga teny ampitan'ny ranomasina izy ireo, tao amin'ny faritr'i Gerasena. [2]Rehefa niala avy tao amin'ny sambokely Jesosy, avy hatrany dia nisy lehilahy iray azon'ny fanahy maloto nanatona Azy avy teny amin'ny fasana.
[3]Nipetraka teny amin'ny fasana ity lehilahy ity. Tsy nisy afaka nihazona azy intsony, na dia tamin'ny rojo vy aza.
[4]Voafatotra imbetsaka tamin'ny gadra vy sy rojo vy izy. Notapahany ireo rojo ary potika ireo gadra vy. Tsy nisy nanana hery nifehy azy.
[5]Isak'alina sy isan'andro teny amin'ireo fasana sy teny an-tendrombohitra, dia nihiakiaka izy ary nandratra ny tenany tamin'ny vato maranitra. [6]Rehefa nahita an'i Jesosy avy lavitra izy, dia nihazakazaka nankeo aminy ary niankohoka teo anoloany.
[7]Ary nihiaka tamin'ny feo mahery izy hoe: "Inona moa no ifandraisako aminao, ry Jesosy, Zanak' Andriamanitra Avo Indrindra? Miangavy anao amin'ny anaran'Andriamanitra irery ihany aho, aza mampijaly ahy." [8]Fa Izy niteny taminy hoe: "Mivoaha amin'io lehilahy io, ry fanahy maloto."
[9]Ary Izy nanontany azy hoe: "Iza no anaranao?" Ka novaliany hoe: "Legiona no anarako, satria marobe izahay." [10]Ary niangavy mafy Taminy hatrany hatrany izy tsy handroaka azy ireo any ivelan'ny faritra.
[11]Ary nisy andian-kisoa niraoka teny an-tendrombohitra, [12]ary niangavy taminy izy ireo, nanao hoe: "Alefao ao amin'ireo kisoa izahay; avelao izahay hiditra ao amin'ireo." [13]Ka dia navelany izy ireo; ary nivoaka ireo fanahy maloto ka dia niditra tao amin'ireo kisoa, ary avy dia nirifatra teny amin'ny hantsana ho any an-dranomasina ireo, ary kisoa teo amin'ny roa arivo teo no maty an-dranomasina.
[14]Nitsoaka nandositra ireo nampisakafo ny kisoa ary nitatitra ny zava-niseho tao an-tanàna sy tany ambanivohitra, ary olona maro no nivoaka hizaha ny zava-niseho. [15]Avy eo izy ireo nankeo amin'i Jesosy ary hitan'izy ireo ilay lehilahy nitoeran'ny demonia, ilay iray izay nitoeran'ny legiona, nipetraka teo, nitafy ary vory saina; ka dia natahotra izy ireo.
[16]Ireo izay nahita ny zava-niseho tamin'ilay lehilahy nitoeran'ny demonia dia nitantara tamin'izy ireo ny momba izany tamin'ny antsipirihiny, ary koa nitantara momba ireo kisoa tamin'izy ireo. [17]Dia nanomboka niangavy Azy izy ireo mba hialany eo amin'ny faritr'izy ireo.
[18]Rehefa hiakatra tao amin'ny sambokely Izy, dia niangavy taminy ilay lehilahy nitoeran'ny demonia mba hiaraka aminy.
[19]Saingy tsy namela azy anefa Jesosy, fa nanao taminy hoe: "Mandehana mody any amin'ny tranonao sy ny fianakavianao ary tantarao amin'izy ireo izay nataon'ny Tompo taminao, sy ny namindrany fo taminao!" [20]Dia lasa nody izy ary nanomboka nanambara ny zava-dehibe izay nataon'i Jesosy taminy tany Dekapolisy, ary talanjona ny rehetra.
[21]Ary rehefa nandeha teny am-pita indray Jesosy, tamin'ny sambokely, dia indreo nisy vahoaka be dia be niangona nanodidina Azy, raha teo amoron'ny ranomasina iny Izy. [22]Avy eo tonga ny iray amin'ireo mpitarika ny synagoga, atao hoe Jairo, ka raha vao nahita Azy, dia niantoraka teo an-tongony. [23]Nitalaho hatrany hatrany izy, nanao hoe: "Marary mafy efa ho faty ny zanako vavy. Mitalaho aminao aho, avia ary apetraho aminy ny tananao mba ho sitrana sy ho velona izy." [24]Dia lasa niaraka taminy Izy, ary vahoaka be dia be no nanaraka sy nanery nanodidina Azy.
[25]Ary nisy vehivavy iray teo voan'ny fahaverezan-drà nandritry ny roambinifolo taona. [26]Nijaly be tokoa izy ary nitety mpitsabo maro sy nandany ny fananany rehetra, nefa tsy nahita fahasitranana fa vao mainka aza niharatsy. [27]Rehefa nahare ireo tatitra momban'i Jesosy izy, dia nankao aoriany tao anaty vahoaka izy ary nikasika ny fitafiany.
[28]Satria hoy izy hoe: "Raha mahakasika ny lambany fotsiny aho, dia ho sitrana." [29]Rehefa nikasika Azy izy, dia nijanona ny fahaverezan-drà, ary tsapany hatrany anatiny fa sitrana tamin'ny aretiny izy.
[30]Fantatr'i Jesosy niaraka tamin'izay fa nisy hery niala avy taminy. Nitodika tany amin'ny vahoaka Izy ary niteny hoe: "Iza no nikasika ny fitafiako?" [31]Dia namaly Azy ireo mpianany hoe: "Hitanao ireo vahoaka marobe mifanesika aminao ireo, koa hoy Ianao hoe: "Iza no nikasika Ahy." [32]Fa nijery ny manodidina Azy Jesosy mba hahitany izay nanao izany.
[33]Ilay vehivavy, nahafantatra izay nitranga taminy, dia natahotra sy nangovitra. Nandeha izy ary niantoraka teo anoloan'i Jesosy ka nilaza taminy ny marina rehetra. [34]Dia hoy Jesosy taminy hoe: "Anaka, ny finoanao no nahasitrana anao. Mandehana amin'ny fiadanana ary sitràna amin'ny aretinao."
[35]Raha mbola niteny Izy, dia tonga ny olona sasany avy tany amin'ny mpitarika ny synagoga, nanao hoe: "Efa maty ny zanakao. Nahoana no mbola manahirana ny mpampianatra ihany?"
[36]Fa rehefa nandre izay nolazain'izy ireo Jesosy, dia hoy Izy tamin'ilay mpitarika ny synagoga hoe: "Aza matahotra. Minoa fotsiny ihany." [37]Ary tsy nisy navelany hiaraka aminy, afa-tsy Petera, Jakoba, ary Jaona, rahalahin'i Jakoba. [38]Tonga tany

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

an-tranon'ilay mpitarika ny synagoga izy ireo ary nahita olona nitabataba be teo Izy; nitomany sy nidradradra mafy izy ireo.
39 Rehefa niditra ny trano Izy, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mitabataba sy mitomany? Tsy maty ny
zaza fa matory." 40 Niomehy Azy izy ireo. Nefa navoakany tany ivelany izy rehetra ary naka ny ray sy renin'ilay zaza sy
ireo izay niaraka taminy, ary niditra tao amin'ny efitra nisy ilay zaza Izy.
41 Noraisiny ny tanan'ilay zaza ary niteny taminy hoe: "Talita, Komy!" izay raha adika dia hoe: "Razazavavy, miteny aminao
Aho, mitsangàna." 42 Avy hatrany dia nitsangana razazavavy ary nandeha (satria roa ambin'ny folo taona izy). Talanjona
avy hatrany izy ireo. 43 Noraràny mafy izy ireo mba tsy hisy na iza na iza hahafantatra ny momba izao. Avy eo dia nasainy
nomena hanina razazavavy.

6 1 Nandao io toerana io Izy ka namonjy ny tanindrazany, ary nanaraka Azy ireo mpianany. 2 Ary rehefa tonga ny andro
sabata, dia nampianatra tao amin'ny synagoga Izy. Maro ny olona nandre Azy ka gaga izy ireo. Hoy izy ireo hoe: "Avy
aiza no nahazoany ireo fampianarana ireo?" "Inona izao fahendrena izay nomena Azy izao?" "Inona ireo fahagagana izay
nataony tamin'ny tanany ireo?" 3 "Tsy ilay mpandrafitra ve io, ilay zanak'i Maria ary rahalahin'i Jakoba sy Josesy sy Jodasy
ary Simona? Tsy miaraka amintsika eto ve ireo anabaviny?" Tohina tamin'i Jesosy izy ireo.
4 Ary hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Tsy misy mpaminany tsy omen-kaja, afa-tsy ao amin'ny tanindrazany sy ao amin'ny
havany akaiky ary ao amin'ny ankohonany manokana ihany." 5 Tsy afaka nanao asa mahagaga Izy, afa-tsy ny fametrahany
tanana amin'ny marary vitsivitsy ary manasitrana azy ireo. 6 Gaga nohon'ny tsy finoan'izy ireo Izy. Avy eo nandeha
nanodidina ireo tanàna Izy hampianatra.
7 Avy eo dia niantso ireo roa ambinifolo lahy Izy ary nanomboka naniraka azy ireo tsiroaroa, ary nomeny fahefana teo
amin'ny fanahy maloto izy ireo, 8 ary nandidy azy ireo tsy hitondra na inona na inona amin'ny diany, na mofo, na kitapo,
na vola amin'ny fehin-kibon'izy ireo_ afa-tsy tehina ihany_ 9 fa hanao kapa, ary tsy hanao akanjo roa.
10 Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Na oviana na oviana ianareo miditra amina trano iray, dia mitoera ao mandra-pialanareo
any. 11 Ary raha misy tanàna tsy mandray anareo na mihaino anareo, rehefa miala ao amin'izany toerana izany ianareo,
dia ahintsano ny vovoka amin'ny tongotrareo mba ho fijoroana vavolombelona amin'izy ireo."
12 Dia niainga izy ireo ary nitory fa ny olona dia tokony hibebaka amin'ny fahotany. 13 Nandroaka demonia maro izy ireo,
ary nanosotra marary maro tamin'ny diloilo ka nanasitrana azy ireny.
14 Ren'i Heroda mpanjaka izany, satria lasa fanta-daza ny anaran'i Jesosy. Ny sasany nilaza hoe: "Nitsangana tamin'ny maty
Jaona mpanao batisa ary noho izany, dia miasa ao anatiny ireo hery mahagaga ireo." 15 Fa ireo sasany kosa nilaza hoe:
"Elia Izy." Ny sasany mbola niteny hoe: "Mpaminany Izy, tahaka ny iray amin'ireo mpaminany tamin'ny andro taloha."
16 Fa rehefa nandre izany Heroda dia hoy izy hoe: "Jaona, ilay notapahiko loha, no nitsangana tamin'ny maty." 17 Fa Heroda
no nampisambotra an'i Jaona ka nandefa azy tany an-tranomaizina nohon'ny raharaha Herodiasy (vadin'i Filipo
rahalahiny), satria novadiany ravehivavy.
18 Fa Jaona niteny an'i Heroda hoe: "Tsy araka ny lalàna ny hanambadianao ny vadin'ny rahalahinao." 19 Fa tezitra taminy
Herodiasy ka nitady izay hamonoana azy, saingy tsy afaka, 20 nohon'ny fatahoran'i Heroda an'i Jaona; fantany fa olo-
marina sy feno fahamasinana izy, ary niaro azy izy. Nanahiran-tsaina azy ny fihenoana azy, kanefa mbola nihaino azy
tamim-pifaliana izy.
21 Avy eo nisy irika tamin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahan'i Heroda ka nanao fanasàna ho an'ireo lehibeny, sy ireo
mpifehiny, ary ireo mpitariky ny Galilia izy. 22 Dia niditra ny efitrano fanasana ny zanaka vavin'i Herodiasy ary nandihy
ho azy ireo, ary nahafinaritra an'i Heroda sy ireo vahiny nasaina tamin'ny fisakafoana izy. Hoy ny mpanjaka tamin-
drazazavavy hoe: "Angataho amiko izay rehetra tianao dia omeko anao izany."
23 Ary nianiana taminy izy nanao hoe: "Na inona na inona angatahinao amiko, dia homeko anao, hatramin'ny antsasaky
ny fanjakako." 24 Dia nivoaka izy ary niteny tamin'ny reniny hoe: "Inona no tokony angatahiko aminy?" Dia hoy ny reniny
hoe: "Ny lohan'i Jaona mpanao Batisa." 25 Teo no ho eo dia niverina tany amin'ny mpanjaka izy, ka nangakataka, nanao
hoe: "Tiako omenao ahy, izao dieny izao, eo ambony lovia ny lohan'i Jaona mpanao batisa."
26 Na dia nampalahelo mafy ny mpanjaka aza izany, dia tsy afaka nandà ny fangatahany izy nohon'ny fianianana nataony
sy noho ireo vahininy nasaina tamin'ny fisakafoana. 27 Noho izany dia nandidy miaramila iray avy tamin'ny mpiambina
ny mpanjaka ary nandidy azy hitondra ny lohan'i Jaona ho eo aminy. Lasa ilay mpiambina ary nanapaka ny lohany tao
an-tranomaizina. 28 Nentiny teo ambony lovia ny lohany ary natolony an-drazazavavy, ary ilay zazavavy nanolotra izany
an-dreniny. 29 Rehefa nahare izany ireo mpianany, dia tonga izy ireo ary naka ny nofony ka nametraka izany tao am-
pasana.
30 Niverina tany amin'i Jesosy ireo apostoly ary nitantara taminy izay rehetra vitan'izy ireo sy nampianarin'izy ireo. 31 Ary
hoy Izy tamin'izy ireo: "Ndeha isika ho any an'efitra ka hiala sasatra kely." Fa maro ny olona no nivezivezy, ary tsy nanam-
potoana hinanana sakafo akory aza izy ireo. 32 Dia nandeha an-tsambokely izy ireo mba ho any amin'ny tany foana.
33 Fa izy ireo nahita azy ireo nandeha ary maro no nahafantatra azy ireo, dia niara-nihazakazaka an-tongotra avy tany
amin'ny tanàna rehetra izy ireo, ary tonga teo talohan'izy ireo. 34 Rehefa tonga teny amin'ny morony izy ireo, dia
nahatazana vahoaka maro Izy ary onena azy ireo Izy satria tahaka ny ondry tsy manana mpiandry izy ireo. Ka
nanomboka nampianatra zavatra maro azy ireo Izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[35]Ary rehefa hariva ny andro, dia nanatona Azy ireo mpianany ka nanao hoe: "Toerana foana ity ary ny andro efa madiva ho hariva sahady. [36]Alefao izy ireo mba handehanany any amin'ireo vohitra sy tanàna manodidina hividy hanina ho an'ny tenan'izy ireo."
[37]Fa namaly Izy ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Omenareo zavatra hoanina izy ireo." Dia hoy izy ireo taminy hoe: "Afaka mandeha ary mividy mofo azon'ny denaria roanjato va izahay ka hanome izany azy ireo hoanina?" [38]Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Firy no mofo anananareo? Mandehana ary jereo." Rehefa hitany, dia hoy izy ireo hoe: "Mofo dimy sy hazandrano roa."
[39]Dia nandidy ny olona rehetra mba hipetraka mitsitokotoko teo amin'ny ahi-maitso Izy. [40]Dia nipetraka an-tokony izy ireo; an-tokony zato sy dimampolo. [41]Naka ireo mofo dimy sy hazandrano roa Izy, niandrandra ny lanitra dia nisaotra ka nizarazara ny mofo ary nanolotra izany tamin'ireo mpianatra mba homena eo anolohan'ny olona. Nozarainy ihany koa ny hazandrano roa ho an'izy rehetra.
[42]Dia nihinana avokoa izy rehetra nandra-pahavoky azy ireo. [43]Nalain'izy ireo ny sombitsombina mofo, izay nahafeno roambinifolo sobika mitafotafo, ary koa ny ambin'ireo hazandrano. [44]Nisy dimy arivo ireo lehilahy nihinana ny mofo.
[45]Teo no ho eo dia nasainy niakatra tao an-tsambokely ireo mpianany mba hialoha Azy ho eny ampita, ho any Betsaida, raha nandefa ny vahoaka Izy. [46]Rehefa lasa izy ireo, dia niakatra tany an-tendrombohitra Izy mba hivavaka. [47]Tonga ny hariva, ary efa teo afovoan'ny ranomasina ny sambokely, fa irery teny an-tanety izy.
[48]Ary hitany fa sahirana mafy izy ireo nivoy ny sambokely, satria nanohitra mafy azy ireo ny rivotra. Teo ho eo amin'ny ora fiambenana fahefatry ny alina dia nankeo amin'izy ireo Izy, nandeha teny ambony ranomasina, ary te-handalo teo amin'izy ireo Izy. [49]Fa rehefa nahita Azy nandeha teny ambony ranomasina izy ireo, dia noheverin'izy ireo ho matoatoa Izy ka nihiakiaka izy ireo, [50]satria nahita Azy izy ireo dia raiki-tahotra. Teo no eo dia niteny tamin'izy ireo Izy ka nilaza azy ireo hoe: "Matokia! Izaho ihany ity! Aza matahotra!"
[51]Ary niditra tao an-tsambokely niaraka tamin'izy ireo Izy, dia nitsahatra tsy nitsoka ny rivotra. Dia talanjona tanteraka izy ireo. [52]Ary tsy takatry ny sain'izy ireo ny dikan'ilay mofo. Fa kosa, nihamafy ny fon'izy ireo.
[53]Rehefa tafita izy ireo, dia tonga tao Genesareta ireo ka niantsona tao. [54]Ary rehefa nidina avy tao amin'ny sambokely izy ireo, avy hatrany dia fantatry ny olona tao Izy, [55]ka nihazakazaka nanerana ny faritra rehetra izy ireo ary nanomboka nitondra ny marary tamin'ny fandriany tany amin'izay rehetra ren'izy ireo misy Azy.
[56]Fa na taiza na taiza nalehany na an-tanàna, na tanàn-dehibe, na teny amin'ny vohitra kely, dia nepetrak'izy ireo teo amin'ny kianja ny marary. Niangavy Azy izy ireo mba hamela azy ireo hikasika ny rambon'akanjony, ary ireo maro izay nikasika Azy dia sitrana.

7 [1]Ireo fariseo sy ny mpanoradalana sasany izay avy any Jerosalema dia tonga niangona nanodidina Azy.
[2]Ary hitan'izy ireo ny mpianany sasany nihinana mofo tamin'ny tanana tsy voadio, izany hoe, tsy voasasa. [3](Fa ny Fariseo sy ny Jiosy rehetra dia tsy mba mihinana raha tsy efa nanasa ny tanan'izy ireo, satria manaraka ny fombafomban'ireo loholona.) [4]Ary rehefa miverina avy any an-tsena ireo Fariseo, dia tsy mihinana izy ireo raha tsy avy mandro, ary mitandrina fomba maro hafa fatratra izy ireo, tahaka ny fanasana ny kapoaka, sy ny famarana, sy fanaka varahina, ary ny fandriana izay ihinanan'izy ireo.)
[5]Ireo Fariseo sy ny mpanoradalana nanontany an'ny Jesosy hoe: "Nahoana ny mpianatrao no tsy mandeha araka ny fombafomban'ireo loholona, fa mihinana ny mofon'izy ireo amin'ny tanana tsy voasasa?"
[6]Nefa hoy Izy tamin'izy ireo: "Isaia naminany tsara momba anareo mpihatsaravelatsihy. Nosoratany hoe: 'Ity vahoaka ity manaja Ahy amin' ny molony, fa ny fony kosa lavitra Ahy. [7]Foana ny fivavahana atolotr'izy ireo Ahy, raha mampianatra ny fitsipik'olombelona ho fampianaran'izy ireo.'
[8]Afoinareo ny didin'Andriamanitra ka hazoninareo mafy ny fomban'ny olona." [9]Ary hoy ihany koa Izy tamin'izy ireo: "Tahaka ny ahoana ny fanarinareo ny didin' Andriamanitra mba hitandremanareo ny fomban-drazanareo! [10]Fa hoy Mosesy: 'Manajà ny rainao sy ny reninao,' ary koa, 'Izay miteny ratsy ny rainy na ny reniny dia ho faty tokoa.'
[11]Kanefa ianareo miteny hoe: 'Raha misy lehilahy iray miteny ny rainy na ny reniny hoe: "Na inona na inona tianao ho azo tamiko dia efa Korbana,"' (izany hoe: 'Nomena an'Andriamanitra') -- [12]dia tsy avelanareo hanao na inona na inona amin'ny rainy sy ny reniny intsony izy. [13]Manafoana ny tenin' Andriamanitra ianareo noho ny fomban-drazanareo izay notananareo. Ary zavatra maro mitovy amin'izany koa no ataonareo."
[14]Ary niantso ny vahoaka indray Izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Mihainoa Ahy, ianareo rehetra, ka fantaro. [15]Tsy misy zavatra avy eo ivelany izay miditra ao anatin'ny olona ka afaka mahaloto azy rehefa miditra ao aminy. Fa izay mivoaka avy ao anatin'ny olona no mahaloto azy." [16][1]
[17]Ary rehefa niala teo amin'ny vahoaka Jesosy ka niditra tao an-trano, ny mpianany nanontany Azy momba ilay fanoharana. [18]Hoy Jesosy taminy: "Ianareo koa ve mbola tsy manana fahalalana? Tsy hitanareo ve fa izay rehetra miditra ao anatin'ny olona avy any ivelany dia tsy mahaloto azy, [19]satria tsy afa-miditra ao am-pony izany, fa ao an-kibony ihany ka mivoaka any amin'ny fivoahana?" Tamin'izany fanambarana izany dia nahatonga ny hanina rehetra ho madio i Jesosy.
[20]Hoy Izy: "Izay mivoaka avy ao amin'ny olona no mahaloto azy. [21]Fa avy ao anatin'ny olona, avy ao am-pony, no ivoahan'ny sain-ratsy, ny fahavetavetana, ny halatra, ny famonoan'olona, [22]ny fijangajangana, ny fitsiririritana, ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

haratsiam-panahy, ny fitaka, ny fijejojejoana, ny fialonana, ny fiampangana lainga, ny avonavona, ny hadalana. [23]Izany
zava-dratsy rehetra izany no mivoaka avy ao anatin'ny olona, ary ireo no mahaloto azy."
[24]Niala teo Izy ka lasa nandeha tany amin'ny faritry Tyro sy Sidona. Niditra tao an-trano iray Izy ary tsy tiany ho
fantatr'iza na iza fa tao Izy, kanefa tsy afaka niery. [25]Kanefa niaraka tamin'izay dia nisy vehivavy iray, izay nisy fanahy
maloto iray ny zanany vavy kely, nandre ny aminy, tonga, ary niankohoka teo an-tongony. [26]Ary Grika ilay vehivavy, Syro-
foinika no niaviany. Niangavy Taminy izy mba hamoaka ny demonia hiala amin'ny zanany vavy.
[27]Hoy Izy taminy: "Aoka homen-kanina aloha ny zaza. Satria tsy mety ny maka ny mofon-jaza ka manipy azy ho an'ny
amboa." [28]Nefa namaly izy ka nanao Taminy hoe: "Eny, Tompo, fa na ny amboa ao ambany latabatra aza dia mba
mihinana ny sombintsombiny amin'ny mofon-jaza."
[29]Dia hoy Izy taminy: "Noho izany teninao izany, afaka mandeha ianao. Efa nivoaka tamin'ny zanakao vavy ny demonia".
[30]Ary raha niverina tany an-tranony ravehivavy dia nahita ny zaza nandry teo ambonin'ny farafara, ary ny demonia efa
niala.
[31]Ary Jesosy nivoaka indray niala ny faritry Tyro, dia namaky an'i Sidona hatrany amin'ny Ranomasin'ny Galilia ka
niakatra ny faritry Dekapolisy. [32]Ary nentin'izy ireo teo Aminy ny olona iray marenina sady sahirana raha miteny, ary
nitalaho Taminy izy ireo mba hametrahany ny tanany aminy.
[33]Nitondra an-dralehilahy nitokana niala teo amin'ny vahoaka Izy, dia nametraka ny rantsan-tanany tao an-tsofiny Izy, ary
raha avy nandrora, dia nikasika ny lelany. [34]Dia niandrandra ny lanitra Izy, dia nisento ka nanao taminy hoe: "Efata,"
izany hoe: "Maladia!" [35]Ary haingana teo ny sofiny dia nalady, ary izay namehy ny lelany dia potika ary afaka niteny
mazava tsara izy.
[36]Ary Jesosy nandrara azy ireo tsy hilazalaza na amin'iza na amin'iza. Kanefa na dia norarana aza izy ireo, vao maika
nampiely izany bebe kokoa. [37]Dia gaga tanteraka ny olona, ka niteny hoe: "Nataony tsara daholo ny zavatra rehetra.
Nataony mandre aza ny marenina ary miteny ny moana."

---

[a]Ny fandikana tsara indrindra dia tsy manisy ny andininy faha 16: Raha misy manan-tsofina hihainoana, aoka izy hihaino.

---

8 [1]Tamin'izany andro izany, dia nisy vahoaka marobe indray, ary tsy nanan-kohanina izy ireo. Dia niantso ny mpianany
Jesosy ary niteny tamin'izy ireo hoe: [2]"Mampahonena Ahy ireo vahoaka, satria efa telo andro ireo no nanohy niaraka
tamiko ary tsy manan-kohanina. [3]Raha alefako mody any an-tranony tsy misakafo ireo, dia mety ho safotra an-dalana. Ny
sasany amin'izy ireo dia avy any amin'ny lalan-davitra." [4]Namaly Azy ireo mpianany hoe: "Aiza no hahazoantsika mofo
ampy hamokisana ireo vahoaka ireo ety an-tany foana tahaka izao?"
[5]Nanontany azy ireo Izy hoe: "Firy ny mofo anananareo?" Hoy izy ireo hoe: "Fito" [6]Nandidy ny vahoaka mba hipetraka
amin'ny tany Izy. Noraisiny ny mofo fito, dia nisaotra Izy, ary nanapaka ireo. Natolony ny mpianany izany mba ho
zarain'izy ireo amin'ny vahoaka, ary napetrak'izy ireo teo anoloan'ny vahoaka izany.
[7]Ary mbola nanana hazandrano kely vitsivitsy ihany koa izy ireo, ka rehefa avy nisaotra ireo Izy, dia nandidy ireo
mpianatra mba handroso izany koa Izy. [8]Dia nihinana izy ireo ka voky, ary nalain'izy ireo ny sombitsombiny tavela, izay
nahafeno sobika fito lehibe. [9]Tokony ho efatr'arivo teo ho eo ny olona tamin'izany. Avy eo dia nalefany nody izy ireo. [10]Avy
hatrany dia niakatra tao an-tsambokely niaraka tamin'ireo mpianany Izy, ary nandeha nankany amin'ny faritr'i
Dalmanota izy ireo.
[11]Dia nivoaka ireo fariseo ary nanomboka nifanditra taminy. Nitady famantarana avy any an-danitra taminy izy ireo, mba
hitsapana Azy. [12]Nisento lalina tany amin'ny fanahiny Izy ary niteny hoe: "Nahoana no mitady famantarana ity taranaka
ity? Nefa lazaiko marina aminareo, fa tsy misy famantarana omena ity taranaka ity izany." [13]Avy eo dia nandao azy ireo
Izy, niakatra tao an-tsambokely indray, ary niala lavitra ho eny am-pita.
[14]Ary adinon'ny mpianatra ny nitondra mofo niaraka tamin'izy ireo. Tsy nanana mihoatra ny iray izy ireo tao anaty
sambo. [15]Dia nampitandrina azy ireo Izy ka niteny hoe: "Miambena ary mitandrema amin'ny masirasiran'ireo Fariseo sy
ny masirasiran'i Heroda."
[16]Dia nifanontany tena ny mpianatra hoe: "Noho isika tsy manana mofo izany." [17]Fantatr'i Jesosy izany, ary hoy Izy
tamin'izy ireo hoe: "Nahoana no amin'ny tsy fananana mofo ny fisainanareo? Mbola tsy azonareo va? Mbola tsy
takatrareo va? Nanjary donto va ny fonareo?
[18]Manana maso ianareo, fa tsy mahita va? Manan-tsofina ianareo, fa tsy mandre va? Tsy tadidinareo va? [19]Rehefa
nanapaka ny mofo dimy ho an'ny olona dimy arivo Aho, dia sobika firy feno sombitsombina mofo no nangoninareo?"
Hoy izy ireo taminy hoe: "Roambinifolo."
[20]Rehefa nanapaka ireo mofo fito ho an'ny olona efatr'arivo Aho, firy sobika ny ambiny nangoninareo?" Hoy izy ireo
taminy hoe: "Fito." [21]Ary hoy Izy hoe: "Mbola tsy takatrareo ihany va?"
[22]Tonga tany Betsaida izy ireo. Ary nisy jamba anankiray nentin'olona teo aminy ary niagavian'izy ireo Jesosy mba
hikasika azy. [23]Nentin'i Jesosy tamin'ny tanana ilay jamba, ary nitarika azy hivoaka ny tanàna. Rehefa nandrora teo
amin'ny masony Izy ary nametraka ny tanany teo aminy, dia nanontany azy Izy hoe: "Mahita zavatra va ianao?"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Dia nitraka izy, ka niteny hoe: "Mahita olona tahaka ny hazo mandehandeha aho." [25]Napetrak'i Jesosy teo amin'ny masony indray ny tanany, ary nahiratr'ilay lehilahy ny masony, dia niverina tamin'ny laoniny ny fahitany, ary nahita mazava tsara ny zavatra rehetra izy. [26]Dia nalefan'i Jesosy nody izy ary noteneniny hoe: "Aza miditra ao an-tanàna."
[27]Nandeha nivoaka Jesosy sy ny mpianany nankany amin'ny tanànan'i Kaisaria Filipo. Teny an-dalana dia nanontany ireo mpianany Izy hoe: "Hataon'ny olona ho iza moa Aho?" [28]Namaly Azy izy ireo ka niteny hoe: "Jaona mpanao batisa. Ny hafa miteny hoe: 'Elia', ary ny hafa hoe: 'Iray amin'ireo mpaminany.'"
[29]Nanontany azy ireo Izy hoe: "Fa ianareo kosa manao Ahy ho Iza?" Dia namaly Azy Petera hoe: "Ianao no Kristy."
[30]Nampitandrina azy ireo Jesosy tsy hilaza ny momba Azy na amin'iza na amin'iza.
[31]Nanomboka nampianatra azy ireo Izy fa tsy maintsy hijaly ny Zanak'Olona, ary ho lavin'ny loholona sy ireo lohan'ny mpisorona ary mpanora-dalàna, ary ho vonoina, ka hitsangana amin'ny maty afaka telo andro. [32]Nolazainy mazava tsara izany. Avy eo nantsoin'i Petera mangingiina Jesosy ka nanomboka niteny mafy Azy.
[33]Nefa nitodika Jesosy dia nijery ireo mpianany ary avy eo niteny mafy an'i Petera ka nanao hoe: "Mialà lavitra Ahy, ry satana! Tsy mba misaina ny zavatr'Andriamanitra ianao, fa ny zavatr'olona." [34]Avy eo dia niantso ny vahoaka sy ny mpianany niaraka izy, ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Raha misy te-hanaraka Ahy, dia tsy maintsy mandà ny tenany izy, maka ny hazo fijaliany, ary manaraka Ahy.
[35]Na iza na iza te-hamonjy ny ainy dia hahavery izany, ary izay mahavery ny ainy noho ny amiko sy ny filazantsara, dia hahavonjy izany. [36]Fa inona anefa no tombontsoa azon'ny ny olona iray, raha mahazo izao tontolo izao, ary avy eo very ny ainy? [37]Inona no afaka omen'ny olona iray ho takalon'ny ainy?
[38]Na iza na iza menatra Ahy sy ny teniko eto amin'ity taranaka mijangajanga sy mpanota ity, dia ho menatra azy ihany koa ny Zanak'olona rehefa tonga ao amin'ny voninahitry ny Rainy miaraka amin'ireo anjely masina Izy."

9 [1]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko aminareo marina tokoa, fa misy aminareo izay mitsangana eto no tsy hanandrana izany fahafatesana izany mialohan'ny hahitan'izy ireo ny fanjakan' Andriamanitra izay ho avy amin'ny hery lehibe." [2]Ary enina andro taty aorina, dia nentin'i Jesosy niaraka taminy Petera sy Jakoba ary Jaona teny amin'ny tendrombohitra avo, ary izy ireo irery no tany. Avy eo niova tarehy teo anatrehan'izy ireo Izy. [3]Ny fitafiany niova nanjelanjelatra no sady mazava, ary fotsy indrindra, fotsy mihoatra ny zavatra nampamotsiana indrindra teto ambonin'ny tany.
[4]Avy eo Elia sy Mosesy niseho tamin'izy ireo, ary niresaka tamin'i Jesosy izy ireo. [5]Petera namaly ka niteny tamin'i Jesosy hoe: "Raby ô, tsara raha mitoetra eto isika, koa andeha hanao lay telo, ny iray ho Anao, ny iray ho an'i Mosesy, ary ny iray ho an'i Elia." [6](Fa tsy fantany izay tokony ho tenenina, satria natahotra mafy izy ireo.)
[7]Nisy rahona tonga ka nanarona azy ireo. Ary nisy feo nivoaka avy ao anatin'ny rahona hoe: "Ity ny Zanako Malalako. Mihainoa Azy." [8]Tampoka teo, raha nijery ny manodidina izy ireo, dia tsy nahita na iza na iza intsony, afa-tsy Jesosy irery ihany.
[9]Raha nidina avy eny an-tendrombohitra izy ireo, dia nodidiany mafy mba tsy hilaza na amin'iza na amin'iza ny zavatra hitan'izy ireo, raha tsy efa mitsangana amin'ny maty ny Zanak'Olona. [10]Ary dia notanan'izy ireo ho azy ireo izany teny izany, kanefa nifampanontany ireo ny amin'ny mety ho dikan'izany "fitsanganana amin'ny maty" izany.
[11]Nanontany Azy izy ireo hoe: "Nahoana ireo mpanora-dalàna no manambara fa tsy maintsy ho avy mialoha Elia?" [12]Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Efa tonga voalohany Elia hanarina ny zavatra rehetra. Ary nahoana no voasoratra fa ny Zanak'Olona dia hijaly mafy amin'ny zavatra maro ary hatao toy ny olona tsy misy dikany? [13]Nefa lazaiko aminareo fa efa tonga Elia, ary nataon'ny olona taminy izay sitraky ny fony, araka izay efa voalazan'ny Soratra Masina momba azy."
[14]Ary rehefa niverina teo amin'ny mpianatra izy ireo, dia nahita vahoaka be nanodidina azy ireo ary ireo mpanora-dalàna niady hevitra taminy. [15]Raha vao nahita an'i Jesosy izy ireo, dia talanjona ny vahoaka rehetra ary raha iny nihazakazaka nanatona Azy iny izy ireo dia niarahaba Azy. [16]Nanontany ireo mpianany Izy hoe: "Momba ny inona no hiadianareo hevitra amin'ireo."
[17]Ary nisy iray tamin'ireo vahoaka namaly Azy hoe: "Mpampianatra ô, nentiko ho eto aminao ny zanako lahy. Misy fanahy ratsy tsy mampiteny azy izy. [18]Misambotra azy io ka mampienjerazera azy ary mandoa vory izy, mikitro-nify, ary lasa mihenjana izy. Nangataka tamin'ireo mpianatrao ny tenako mba hamoaka izany hiala aminy, kanefa tsy vitan'izy ireo izany." [19]Ary namaly azy ireo Izy hoe: "Ry taranaka tsy mino, mandra-pahoviana no hitoerako eto aminareo? Mandra-pahoviana no handeferako aminareo? Ento ety amiko izy."
[20]Ary nentina teo aminy ilay zazalahy, ary raha vao nahita an'i Jesosy ilay fanahy ratsy, dia nampifanintontsitona azy izany. Nianjera tamin'ny tany ilay zazalahy ary feno vory ny vavany. [21]Jesosy nanontany ny rainy hoe: "Hafiriana no naha-toy izao azy?" Dia hoy ny ray hoe: "Efa hatramin'ny fahazazany." [22]Indraindray io fanahy ratsy io nandavo azy tany anaty afo na tany anaty rano ary nanandrana ny hamotika azy. Raha mahay manao ny zavatra rehetra Ianao, dia miantrà anay ary ampio izahay."
[23]Jesosy niteny taminy hoe: "'Raha mahay ianao'? [24]Ny zavatra rehetra dia hain'izay mino." Ary niaraka tamin'izay ny rain'ilay zaza dia nihiaka mafy nanao hoe: "Mino aho! Ampio aho amin'ny tsy finoako!" [25]Rehefa hitan'i Jesosy ireo vahoaka nihazakazaka nanatona azy ireo, dia noteneniny mafy ilay fanahy maloto ary nanao hoe: "Ry fanahy moana sy marenina, mandidy anao Aho, mivoaha aminy, ary aza miverina miditra ao aminy intsony."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Nihiakiaka mafy izany ka nampifanintona mafy ilay zazalahy ary avy eo nivoaka. Tahaka ny olona maty ilay zazalahy, ka maro no niteny hoe: "Maty izy." [27]Fa Jesosy nandray azy tamin'ny tanana ka nanarina azy, dia nitsangana ilay zazalahy.
[28]Ary rehefa niditra tao an-trano Jesosy, dia nanontany Azy manokana ireo mpianany hoe: "Nahoana izahay no tsy nahavoaroaka ilay fanahy ratsy?" [29]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Ny tahaka ireny dia tsy afaka roasina afa-tsy amin'ny alalan'ny vavaka."
[30]Niala teo izy ireo ary nandalo tany Galilia. Tsy tiany ho fantatr'iza na iza hoe taiza izy ireo, [31]fa nampianatra ireo mpianany Izy. Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Ny Zanak'Olona dia hatolotra eny an-tanan'ny olona, ka ho vonoin'izy ireo Izy. Ary rehefa voavono Izy, dia hitsangana amin'ny maty indray afaka telo andro." [32]Fa tsy takatr'izy ireo io fanambarana io, ary natahotra izy ireo hanontany Azy.
[33]Avy eo tonga tao Kapernaomy izy ireo. Rehefa avy niditra tao an-trano Izy dia nanontany azy ireo hoe: "Inona ny zavatra nifampiresahanareo teny an-dalana?" [34]Fa nangina izy ireo. Satria efa niady hevitra teny an-dalana izy ireo ny amin'izay lehibe indrindra. [35]Nipetraka, dia niantso ireo roambinifolo lahy niaraka Izy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Raha misy te-ho voalohany, dia tsy maintsy farany amin'ny rehetra izy ary ho mpanompon'ny rehetra."
[36]Naka zazakely iray Izy ary nataony teo anivon'izy ireo. Notrotroiny teny an-tsandriny izy ary niteny tamin'izy ireo hoe:
[37]"Na iza na iza mandray ny zaza tahaka izao amin'ny anarako, dia mandray Ahy koa, ary raha ka misy mandray Ahy, dia tsy mandray Ahy irery izy, fa Ilay naniraka Ahy koa."
[38]Hoy Jaona Taminy hoe: "Mpampianatra ô, nahita olona namoaka demonia tamin'ny anaranao izahay ary noraràhay izy, satria tsy manaraka antsika." [39]Fa Jesosy nanao hoe: "Aza mandrara azy, fa tsy misy olona hanao asa lehibe amin'ny anarako nefa vetivety aorian'izay dia hilaza zavatra ratsy momba Ahy.
[40]Na iza na iza tsy manohitra antsika dia momba antsika. [41]Na iza na iza manome anao rano eran'ny kaopy ho sotroina satria an'i Kristy ianao, dia lazaiko aminao marina tokoa, fa tsy ho very ny valim-pitiany.
[42]Fa na iza na iza manafintohina ny iray amin'ireo kely mino Ahy ireo, dia tsara ho azy ny anantonana vato lehibe fikosoham-bary mifatotra eo amin'ny vozony ary hazera any an-dranomasina. [43]Raha ny tananao no mahatonga anao ho tafintohina, tapaho izany. Fa tsara aminao ny miditra kilemaina any amin'ny fiainana toy izay manana tanan-droa ary handeha any amin'ny helo, any amin'ny afo tsy mety vonoina. [44][1]
[45]Raha ny tongotrao no manafintohina anao, tapaho izany. Tsara kokoa aminao ny miditra mandringa any amin'ny fiainana noho ny manana tongotra roa ary hariana any amin'ny helo. [46][2]
[47]Raha ny masonao no manafintohina anao, esory hiala izany. Tsara aminao ny miditra ny fanjakan'Andriamanitra miaraka amin'ny maso tokana toy izay maso roa ary hariana any amin'ny helo, [48]any amin’ny toerana izay tsy mahafaty ny kankan'izy ireo, ary ny afo tsy mety vonoina.
[49]Fa ny olona rehetra dia samy ho voasira amin'ny afo. [50]Tsara ny sira, fa raha ny sira no tonga matsatso, ahoana no ahafahanao mampasira azy indray? Asio sira ao aminareo, ary mihavàna amin'ny tsirairay avy."

---

[1]Fanamarihana: Ny fandikana tsara indrindra dia tsy manisy ny fehezanteny ao amin'ny andininy faha44 sy 46 hoe: "'Izay tsy maty mihitsy ny kankan'izy ireo ary ny afo tsy ho faty mandrakizay.'"
[2]Jereo ny fanamarihana eo amin'ny andininy faha 44.

---

10 [1]Niala teo amin'izany toerana izany Jesosy ary nandeha tany amin'ny faritr'iJodia sy teny amin'ny faritra ambanin'ny Reniranon'i Jordana, ary nankeo aminy indray ny vahoaka. Ary araka ny fanaony, dia nampianatra azy ireo indray Izy. [2]Dia nanatona Azy ireo fariseo mba hitsapa Azy ka nanontany hoe: "Ara-dalàna ho an'ny lehilahy va ny misaraka amin'ny vadiny?" [3]Namaly Izy hoe: "Inona no nandidian'i Mosesy anareo?" [4]Dia hoy izy ireo hoe: "Mosesy dia namela ny lehilahy iray hanoratra taratasy fanamarinana fisaraham-panambadiana ary mandefa azy avy eo."
[5]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Nohon'ny hamafin'ny fonareo no nanoratany ho anareo izany lalàna izany." [6]"Fa tany am-piandohan'ny famoronana, 'Andriamanitra nanao azy ireo ho lahy sy vavy.'
[7]'Amin'izany antony izany dia handao ny rainy sy reniny ny lahy ka hikambana amin'ny vadiny, [8]ary hanjary ho nofo iray izy roa.' Ka tsy ho roa intsony izy ireo, fa ho nofo iray ihany. [9]Koa izay nakamban'Andriamanitra, dia aoka tsy ho sarahin'olombelona."
[10]Ary rehefa tao an-trano izy ireo, dia mbola namerina nanontany mikasika izany indray ireo mpianatra. [11]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Na iza na iza lehilahy misaraka amin'ny vadiny ka mampakatra vehivavy hafa dia mijangajanga.
[12]Raha misaraka amin'ny vadiny ny vehivavy ka manambady lehilahy hafa, dia mijangajanga izy."
[13]Avy eo izy ireo dia nitindra ny zanak'izy ireo teo Aminy mba hametrahany tanana, fa nobedesin'ireo mpianatra izy ireo.
[14]Fa rehefa nahatsikaritra izany Jesosy, dia tezitra mafy Izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo, fa ny fanjakan'Andriamanitra dia an'ireo izay toa azy ireo.
[15]Lazaiko aminareo marina tokoa, na iza na iza tsy mandray ny fanjakan'Andriamanitra tahaka ny zazakely dia tsy hiditra izany amin'izany velively." [16]Avy eo dia notrotroiny ireo zaza ireo ka notsofiny rano sady nametrahany tanana.
[17]Ary rehefa nanomboka ny diany Izy, dia nisy lehilahy nihazakazaka ka nandohalika teo anatrehany, ary nanontany hoe: "Ry mpampianatra tsara, inona no tsy maintsy ataoko mba handovàko ny fiainana mandrakizay?" [18]Jesosy nanao hoe: "Nahoana no antsoinao hoe tsara Aho? Tsy misy tsara, afa-tsy Andriamanitra irery ihany. [19]Fantatrao ny didy hoe: 'Aza

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mamono olona, aza mijangajanga, aza mangalatra, Aza mijoro ho vavolombelona tsy marina, aza mamitaka, hajao ny ray sy reninao'."
[20]Dia hoy ilay lehilahy hoe: "Mpampianatra ô, efa narahiko hatramin'ny fahatanorako avokoa ireo rehetra ireo." [21]Nijery azy Jesosy dia tia azy. Ary hoy Izy taminy hoe: "Misy zavatra banga iray ao aminao. Tsy maintsy amidinao izay rehetra anananao ary omena ny mahantra izany, dia hanana harena any an-danitra ianao. Avy eo, manaraha Ahy." [22]Fa noho izany filazana izany dia nalahelo izy ka nandeha nangahiahy, satria nanana fananam-be tokoa izy.
[23]Nijery ny manodidina Azy Jesosy ary niteny tamin'ireo mpianany hoe: "Tena sarotra ho an'ireo manana harena be ny miditra ny fanjakan' Andriamanitra!" [24]Dia gaga tamin'ny teniny ireo mpianatra. Fa hoy indray Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Anaka, sarotra ny fidirana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra! [25]Mora kokoa ho an'ny rameva ny miditra amin'ny vody fanjaitra, noho ny hidiran'ny mpanakarena ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra."
[26]Dia mbola gaga indray ny mpianatra ary dia nifanontany ireo hoe: "Iza izany no afaka ny ho voavonjy?" [27]Nijery azy ireo Jesosy ary hoy Izy hoe: "Tsy vitan'ny olona izany, fa vitan'Andriamanitra. Satria ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra atao." [28]Dia nanomboka niteny taminy i Petera hoe: "Jereo, Izahay ireto dia nahafoy ny rehetra ary nanaraka Anao."
[29]Ary hoy Jesosy: "Lazaiko marina aminareo, tsy misy olona izay nandao ny tranony, na ny rahalahiny; na ny rahavaviny, na ny reniny, na ny rainy, na ny zanany, na ny taniny noho ny amiko, sy ny Filazantsara, [30]ka tsy nahazo avo zato heny amin'izao taonjato ankehitriny izao: dia trano, rahalahy, rahavavy, reny, zanaka sy tany, miaraka amin'ny fanenjehana, ary amin'ny taonjato ho avy, dia ny fiainana mandrakizay. [31]Fa betsaka ny voalohany no ho lasa farany, ary ny farany ho lasa voalohany."
[32]Teny an-dalana izy ireo, hiakatra ho any Jerosalema, ary Jesosy nandeha nialoha azy ireo. Gaga ireo mpianatra, ary ireo izay nanaraka Azy taoriana dia natahotra. Nantsoin'i Jesosy ho eo Aminy indray izy roa ambinifolo ary dia nanomboka nilaza izay zavatra hihatra Aminy tsy ho ela Izy. [33]"Jereo, miakatra ho any Jerosalema isika izao, ary ny Zanak'Olona dia atolotra ny mpisoronabe sy ny mpanora-dalàna. Ho helohin'izy ireo ho faty Izy ary hatolony amin'ny Jentilisa. [34]Ireo dia haneso Azy, handrora Azy, hikapoka Azy, sy hahafaty Azy. Fa afaka telo andro dia hitsangana amin'ny maty Izy."
[35]Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio, nanatona Azy ary niteny Taminy hoe: "Mpampianatra ô, mba tianay raha mba ataonao izay rehetra angatahanay aminao." [36]Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Inona no tianareo ho ataoko ho anareo?" [37]Hoy izy ireo hoe: "Avelao izahay hiara-hipetraka aminao ao amin'ny voninahitrao, ka ny iray eo an-tanana ankavananao ary ny iray eo ankavianao."
[38]Fa Jesosy namaly azy ireo hoe: "Tsy fantatrareo izay angatahanareo. Ianareo ve afaka misotro amin'ny kapoaka izay hisotroako na hiaritra ho atao batisa amin'izay hanaovana batisa Ahy?" [39]Hoy izy ireo Taminy hoe: "Vitanay izany." Ary niteny tamin'izy ireo Jesosy hoe: "Ny kapoaka izay ho sotroiko, dia ho sotroinareo, ary amin'ny batisa izay hanaovam-batisa Ahy, no hanaovam-batisa anareo koa. [40]Fa izay hipetraka eo an-tanana ankavanako na eo ankaviako kosa dia tsy miankina amiko izany, fa izany dia ho an'ireo izay nanomanana izany."
[41]Rehefa nahare ny momba izany ireo mpianatra folo hafa, dia nanomboka tezitra mafy tamin'i Jakoba sy Jaona.
[42]Nantsoin'i Jesosy ho eo aminy izy ireo ary niteny hoe: "Fantatrareo fa ireo izay heverina ho mpanapaky ny Jentilisa dia mampanompo azy ireo, ary ny lehibe mpifehy azy ireo dia manampatra fahefana amin'izy ireo.
[43]Fa tsy tokony ho toy izany ny aminareo. Fa na iza na iza maniry ho lehibe aminareo dia aoka izy ho mpanomponareo, [44]ary na iza na iza maniry ho voalohany aminareo dia aoka izy no andevonareo rehetra. [45]Fa ny Zanak'Olona tsy tonga mba ho tompoina, fa mba hanompo, sy hanolotra ny ainy ho takalon'aina ho an'ny maro."
[46]Tonga tao Jeriko izy ireo. Rehefa nivoaka ny tanàna niaraka tamin'ny mpianany sy vahoaka marobe Izy, ny zanak'i Timeo, Bartolomeo, izay mpangataka sady jamba, nipetraka teo amoron-dalana. [47]Rehefa nahare izy fa Jesosy avy any Nazareta izany, dia nanomboka nihiakiaka mafy izy ary niteny hoe: "Ry Jesosy, Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko!"
[48]Betsaka no niteny mafy ilay jamba, niteny taminy mba hangina. Fa vao mainka izy nihiaka mafy hoe: "Ry Zanak'i Davida ô, mamindrà fo amiko!"
[49]NIjanona Jesosy ary nampiantso azy. Nantsoin'ireo ilay jamba, ary noteneniny hoe: "Mahereza! Mitsangàna! Miantso anao Izy." [50]Nariany ny lambany, ary nitsangana, ka nankeo amin'i Jesosy izy.
[51]Dia namaly azy Jesosy ary niteny hoe: "Inona no tianao ataoko aminao?" Hoy ilay lehilahy jamba hoe: "Raby ô, te-hahiratra aho." [52]Ary hoy Jesosy taminy hoe: "Mandehana. Ny finoanao no nahavonjy anao." Dia nahita niaraka tamin'izay ny masony, ary nanaraka an'i Jesosy teny an-dalana izy.

11 [1]Ary raha nandeha tany Jerosalema izy ireo, dia nanakaiky an'i Betifaga sy Betania, any an-tendrombohitry Oliva, ary Jesosy naniraka roa tamin'ireo mpianany [2]ary nilaza tamin'izy ireo hoe: "Mandehana amin'iry vohitra kely manoloana antsika iry. Raha vao tafiditra ao ianareo, dia hahita zana-boriky iray mbola tsy notaingenan'olona. Vahao izy dia ento aty amiko. [3]Raha misy olona miteny aminareo hoe: 'Nahoana ianareo no manao izao?' Dia ataovy hoe: 'Misy ilain'ny Tompo azy dia haverina haingana aty izy.'"
[4]Nandeha nivoaka izy ireo dia nahita zana-boriky iray nifatotra teo ivelan'ny trano anilan'ny varavarana iray eo amoron-dalana, ary novahan'izy ireo ny fatorany. [5]Nisy olona sasany nijoro teo ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Inona ity ataonareo,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mamaha io zana-boriky io?" [6]Dia nolazainy azy ireo ny tenin'i Jesosy tamin'izy ireo, ary navelan'ny olona handeha amin'ny lalany izy ireo.
[7]Ary nentin'ireo mpianatra roa lahy teo amin'i Jesosy ny zana-boriky dia nataony teo ambonin'izany ny lamban'izy ireo ka afaka nitaingina azy Jesosy. [8]Maro ny olona namelatra ny lambany teny an-dalana, ary ny sasany kosa namelatra rantsan-kazo izay notapatapahany avy tany an-tsaha. [9]Ireo izay nandeha teo alohany sy ireo nanaraka Azy niantsoantso hoe: "Hosana! Deraina ilay iray avy amin'ny anaran'ny Tompo. [10]Deraina ny fanjakana ho avin'i Davida raintsika! Hosana any amin'ny avo indrindra!"
[11]Avy eo Jesosy niditra tao Jerosalema ka nankao an-kianjan'ny tempoly ary nijerijery ny zavatra rehetra. Ary, efa niha-hariva ny andro, dia nizotra nankany Betania Izy sy ireo roambinifolo lahy. [12]Ny andro manaraka, raha niverina avy any Betania izy ireo, dia noana Izy.
[13]Ary nahita hazon'aviavy iray nandravina avy tery lavidavitra, dia nanatona Izy hijery raha misy voa teo aminy, ary rehefa nankeo amin'izany Izy, dia tsy nahita na inona na inona afa tsy ravina fotsiny, fa tsy mbola taom-pamoazan'ny aviavy tamin'io. [14]Ary Izy niteny tamin'izany hoe: "Tsy hisy hihinana ny voa avy aminao intsony mandrakizay." Ary ny mpianany nandre izany.
[15]Nankany Jerosalema izy ireo, ary niditra tao an-kianjan'ny tempoly Izy ary nanomboka nandroaka ny mpivarotra sy ny mpividy rehetra tao. Nazerany ny latabatr'ireo mpanakalo vola sy ny sezan'ireo mpivarotra voromailala. [16]Tsy namela an'iza na iza hitondra zavatra izay azo amidy hiditra ny kianjan'ny tempoly Izy.
[17]Dia nampianatra azy ireo Izy ka nilaza hoe: "Tsy efa voasoratra va hoe: 'Ny tranoko dia ho antsoina hoe trano fivavahana ho an'ny firenen-drehetra'? Nefa nataonareo ho zohy fieren'ny mpangalatra." [18]Ren'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanoradalana izay nolazainy, dia nitady fomba hamonoana Azy izy ireo. Fa natahotra Azy izy ireo satria ny vahoaka rehetra dia talanjona tamin'ny fampianarany. [19]Rehefa tonga ny hariva, dia niala ny tanàna izy ireo.
[20]Ary raha nandeha izy ireo ny maraina, dia nahita ilay hazon'aviavy nalazo hatramin'ny fakany. [21]Ary Petera nahatsiaro ka niteny hoe: "Raby o, jereo! Nalazo ilay aviavy nozoninao."
[22]Jesosy namaly azy ireo hoe: "Manàna finoana an'Andriamanitra. [23]Lazaiko aminareo marina tokoa fa na iza na iza miteny amin'ity tendrombohitra ity hoe: 'Mitsangàna ka mianjerà any an-dranomasina,' ka raha tsy misy fisalasalana ao am-pony fa mino fa hitranga aminy izay nolazainy, dia toy izany no hataon'Andriamanitra.
[24]Noho izany Izaho milaza aminareo hoe: Izay rehetra hivavahanareo sy angatahinareo, minoa fa efa nandray izany ianareo, dia ho azonareo izany. [25]Rehefa mijoro sy mivavaka ianareo, dia tsy maintsy mamela izay alahelo rehetra anananareo amin'iza na iza ianareo, mba ho avelan'ny Rainareo Izay any an-danitra ihany koa ny fahotanareo. [26][1]
[27]Dia niakatra ho any Jerosalema indray izy ireo. Ary raha nandehandeha tao an-kianjan'ny tempoly Jesosy, dia tonga nanatona Azy ny lohandohan'ny mpisorona, ny mpanoradalana, ary ireo loholona. [28]Hoy izy ireo taminy hoe: "Fahefana avy aiza no hanaovanao ireny zavatra ireny, ary iza no nanome Anao fahefana hanao ireny?"
[29]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Hametraka fanontaniana iray aminareo Aho. Lazao Amiko dia ho lazaiko ianareo hoe fahefana avy aiza no anaovako ireny zavatra ireny. [30]Ny batisan'i Jaona, avy any an-danitra va izany sa avy amin'ny olona? Valio Aho."
[31]Nifampidinika miaraka izy ireo sady nifamaly sy niteny hoe: "Raha mamaly isika hoe: 'Avy any an-danitra,' dia hiteny Izy hoe: 'Fa nahoana ary no tsy nino azy ianareo?' [32]Fa raha mamaly kosa isika hoe: 'Avy amin'ny olona,'...." Natahotra ny olona izy ireo, satria resy lahatra ny olon-drehetra fa Jaona dia mpaminany tokoa. [33]Avy eo namaly an'i Jesosy izy ireo ka nanao hoe: "Tsy hainay." Dia hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Izaho ihany koa tsy hilaza aminareo hoe fahefana avy aiza no hanaovako ireny zavatra ireny."

---

[1]Fanamarihana: Ny fandikana tsara indrindra dia tsy manisy ny hoe (Jereo ao amin'ny Mat. 16:15) Mk. 11:26 "Fa raha tsy mamela heloka kosa ianareo, dia tsy hamela ny fahotanareo mihintsy koa ny Rainareo Izay any an-danitra."

---

12 [1]Nanomboka nampianatra azy ireo tamin'ny alalan'ny fanoharana Jesosy. Hoy Izy hoe: "Nisy lehilahy nanao tanim-boaloboka, nanisy fefy manodidina izany, ary nandavaka famiazana. Nanangana tilikambo izy ary avy eo nampanofa ilay tanim-boaloboka tamin'ny mpamboly voaloboka. Dia niala nandia lavitra izy avy eo. [2]Tamin'ny fotoana mety, dia naniraka mpanompo ho any amin'ilay mpamboly voaloboka izy mba haka amin'izy ireo ny sasany amin'ireo izay tokony ho anjarany amin'ny vokatr'ilay tanim-boaloboka. [3]Fa nosamborin'izy ireo izy, nokapohiny, ary noroahiny tsy hitondra na inona na inona.
[4]Naniraka mpanompo hafa ho any amin'izy ireo indray izy, dia noratrain'izy ireo teo amin'ny lohany ary nalainy baraka. [5]Dia mbola nandefa hafa ihany izy, ary novonoin'izy ireo io iray io. Nataon'izy ireo tahaka izany ireo maro hafa, nokapohiny ny sasany ary novonoiny ireo hafa.
[6]Mbola nanana olona iray hafa hirahina izy, dia zanaka malala. Izy no farany nalefany tany amin'izy ireo. Hoy izy hoe: "Mba hanaja ny zanako lahy izy ireo." [7]Nefa nifampiteny ireo mpamboly voaloboka hoe: "Inty ilay mpandova. Avia, andeha ho vonointsika izy, dia ho lasantsika ny lova."
[8]Nosamborin'izy ireo izy, dia novonoiny, ary natsipiny tany ivelan'ny tanim-boaloboka. [9]Koa, inona ary no ho ataon'ilay tompon'ny tanim-boaloboka? Ho avy izy ka handringana ireo mpamboly voaloboka ary hanome ny tanim-boaloboka ho an'ny hafa.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Tsy novakianareo angaha izao Soratra Masina izao? 'Ny vato izay nolavin'ny mpanorin-trano, no natao vato fehizoro.
[11]Avy tamin'ny Tompo izany, ary dia mahagaga eo imasontsika."' [12]Nitady ny hisamborana an'i Jesosy izy ireo, saingy natahotra ny vahoaka, satria fantatr'izy ireo fa hanoherana azy ireo no nitenenany izany fanoharana izany. Koa dia navelan'izy ireo Izy ary lasa nandeha izy ireo.
[13]Dia naniraka ny Fariseo sy Herodiana sasany ho any Aminy mba hamandrika Azy amin'ny teny izy ireo. [14]Rehefa tonga izy ireo, dia hoy izy ireo taminy hoe: "Mpampianatra ô, fantatray fa tsy miraharaha ny hevitry ny olona Ianao, ary tsy maneho fiangarana eo amin'ny olona. Mampianatra marina ny lalan'Andriamanitra Ianao. Ara-dalàna ve sa tsia ny mandoa hetra amin'i Kaisara? Tokony handoa hetra va izahay sa tsia?" [15]Fa fantatr'i Jesosy ny fiatsarambelatsihin'izy ireo ka niteny azy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mitsapa Ahy? Itondray denaria iray Aho mba hijereko izany."
[16]Dia nitondran'izy ireo vola iray Jesosy. Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Endrik'iza ity sary sy soratra ity?" Hoy izy ireo hoe: "An'i Kaisara." [17]Hoy Jesosy hoe: "Omeo an'i Kaisara izay an'i Kaisara, ary omeo an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra." Dia talanjona taminy izy ireo.
[18]Avy eo ireo Sadoseo, izay milaza fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, dia tonga teo aminy. Nanontany Azy izy ireo, nanao hoe: [19]"Mpampianatra ô, nanoratra izao ho anay Mosesy hoe: 'Raha maty ny rahalahin'ny lehilahy iray ary namela vady izy, nefa tsy mba nanan-janaka, dia tokony manambady ilay vadin-dralahiny ilay lehilahy, ka hanana taranaka ho an'ny rahalahiny.'
[20]Nisy fito mirahalahy; nanambady ilay voalohany ary maty, tsy namela taranaka. [21]Avy eo naka azy ny faharoa dia maty, tsy namela taranaka, dia torak'izany koa ny fahatelo. [22]Tsy nisy namela taranaka izy fito. Ny farany indrindra, maty koa ilay ramatoa. [23]Amin'ny fitsanganana amin'ny maty, rehefa hitsangana indray izy ireo, dia ho vadin'iza izy? Satria samy nanambady azy daholo izy fito mirahalahy."
[24]Ary hoy Jesosy hoe: "Tsy izany va no antony maha-diso hevitra anareo, satria tsy fantatrareo na ny Soratra Masina na ny herin'Andriamanitra? [25]Satria rehefa mitsangana amin'ny maty izy ireo, dia tsy hanambady na hatolotra amin'ny fanambadiana, fa ho tahaka ny anjely any an-danitra.
[26]Fa mahakasika ny amin'ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty, tsy novakianareo va ny tao amin'ny bokin'i Mosesy, ao amin'ny andalana momba ilay voaroy, ny niresahan'Andriamanitra taminy ka nilazany hoe: 'Izaho no Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba'? [27]Izy dia tsy Andriamanitry ny maty, fa an'ny velona. Somary diso hevitra ianareo."
[28]Nisy iray tamin'ireo mpanora-dalàna tamy ary nandre ny resak'izy ireo; hitany fa novalian'i Jesosy tsara izy ireo. Ary nanontany Azy izy hoe: "Inona no didy lehibe indrindra amin'izy rehetra?" [29]Jesosy namaly hoe: "Ny lehibe indrindra dia ny hoe: 'Mihainoa, ny Tompo Andriamanitsika, ry Israely, iray ny Tompo. [30]Tsy maintsy mitia ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra ianao, amin'ny fanahinao rehetra, amin'ny sainao rehetra, sy amin'ny herinao rehetra.' [31]Ity no didy faharoa: 'Tsy maintsy mitia ny namanao tahaka ny tenanao ianao.' Tsy misy didy hafa lehibe mihoatra noho ireo."
[32]Hoy ilay mpanora-dalàna hoe: "Tsara izany, ry Mpampianatra! Voalazanao marina fa Andriamanitra dia Iray, ary tsy misy afa-tsy Izy. [33]Ary ny mitia azy amin'ny fo rehetra sy amin'ny saina rehetra sy ny hery rehetra, ary ny mitia ny namana tahaka ny tena, dia tsara lavitra mihoatra ny fanatitra dorana sy ny sorona rehetra." [34]Rehefa hitan'i Jesosy fa nanome valin-teny hendry Izy, dia niteny taminy Izy hoe: "Tsy lavitry ny fanjakan' Andriamanitra ianao." Ary taorian'izany, dia tsy nisy olona sahy nametraka fanontaniana tamin'i Jesosy intsony.
[35]Namaly Jesosy, raha nampianatra tao amin'ny tempoly Izy; dia hoy Izy hoe: "Ahoana moa no ilazan'ny mpanora-dalàna fa Kristy dia zanak'i Davida? [36]Davida tenany, tamin'ny Fanahy Masina, nanao hoe: 'Ny Tompo niteny tamin'ny Tompoko hoe: mipetraha eo an-tanana ankavanako, mandram-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.' [37]Davida tenany aza niantso Azy hoe 'Tompo,' koa ahoana no maha zanak'i Davida an'i Kristy?" Nihaino Azy tamim-pifaliana ireo vahoaka maro be.
[38]Tamin'ny fampianarany Jesosy dia niteny hoe: "Mitandrema amin'ireo mpanora-dalàna, izay tia mandehandeha amin'ny akanjo lava ary tian'izy ireo ny fiarahabana azon'izy ireo eny an-tsena [39]ary tian'izy ireo ny mahazo ny seza voalohany any amin'ny synagoga sy ny toerana voalohany any amin'ny fety. [40]Mandroba ny tranon'ireo mpitondra tena izy ireo, ary manao vavaka lava be mba ho hitan'ny olona. Ireo lehilahy ireo dia handray fanamelohana lehibe kokoa."
[41]Avy eo Jesosy nipetraka nifanandrify ny vatan-drakitra tao amin'ny faritry ny tempoly; nijery ireo olona rehetra izay nandrotsaka vola tao amin'ny vatan-drakitra. Mpanankarena maro no nandatsaka vola be dia be tao. [42]Dia nisy vehivavy mahantra mpitondratena iray tonga nandrotsaka farantsakely roa, izay kely variroaventy oharina amin'ny iraimbilanja.
[43]Dia nantsoiny ireo mpianany ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko aminareo marina tokoa, fa ity vehivavy mahantra mitondratena ity no nandrotsaka betsaka mihoatra amin'ny olona izay nandrotsaka vola tao amin'ny vatan-drakitra.
[44]Satria ny rehetra dia nanome tamin'ny fananam-ben'izy ireo. Fa ity mpitondratena ity kosa, tamin'ny fahantrany, dia nandrotsaka ny vola rehetra izay tokony hivelomany tao."

13 [1]Ary raha niala tao an-kianjan'ny tempoly Jesosy, dia niteny taminy ny iray tamin'ireo mpianany hoe: "Mpampianatra ô, jereo ny hatsaran'ny vato sy ny hatsaran'ny rafitra!" [2]Hoy izy taminy hoe: "Hitanao va ireto rafitra lehibe ireto? Tsy havela hisy vato iray hifanongoa eo ka tsy ho ravana."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Ary raha nipetraka teo an-tendrombohitr'Oliva tandrifin'ny tempoly Izy, dia nanontany Azy mangingina Petera, Jakoba, Jaona sy Andrea hoe: [4]"Lazao aminay, rahoviana no hitranga izany zavatra rehetra izany? Inona no famantarana rehefa hitranga ireo zavatra ireo?"
[5]Ary Jesosy nanomboka niteny tamin'izy ireo hoe: "Mitandrema mba tsy hisy olona hampivily lalana anareo. [6]Fa maro no ho avy amin'ny Anarako sy hilaza hoe: 'Izaho no izy,' ary maro no ho voafitany.
[7]Rehefa mandre ady sy resabe momban'ny ady ianareo, dia aza manahy; tsy maintsy hitranga ireo, fa tsy mbola izay ny farany. [8]Fa hisy firenena hitsangana hamely firenena, ary hisy fanjakana hamely fanjakana. Ary hisy horohoron-tany amin'ny toerana maro, sady hisy mosary. Izany no fiandohan'ny fahorian'ny fiterahana.
[9]Mitandrema ianareo. Ho atolotr'izy ireo amin'ny Synedriona ianareo, ary ho kapohina ao amin'ny synagoga. Hitsangana manoloana ireo mpanapaka sy ireo mpanjaka noho ny Amiko ianareo, ho vavolombelona amin'izy ireo. [10]Fa ny Filazantsara dia tsy maintsy ho toriana any amin'ny firenena rehetra aloha.
[11]Rehefa misambotra sy manolotra anareo izy ireo, dia aza manahy ny amin'izay tokony ho lazainareo. Fa amin'iny ora iny, dia homena anareo izay tokony ho teneninareo; tsy ianareo akory no hiteny, fa ny Fanahy Masina. [12]Ny rahalahy hanolotra ny rahalahiny ho faty, ary ny ray hanolotra ny zanany. Ny zanaka hitsangana hanohitra ny ray aman-dreniny ka hahafaty azy ireo. [13]Ho halan'ny olon-drehetra ianareo nohon'ny Anarako. Fa na iza na iza maharitra hatramin'ny farany, dia ho voavonjy izany olona izany.
[14]Fa raha hitanareo mitsangana eo amin'ny tsy tokony hitsanganany ny fahavetavetan'ny fandravana (aoka hisaina izay mamaky), dia aoka izay avy any Jodia rehetra handositra eny an-tendrombohitra, [15]izay ao an-tampon-trano aoka tsy hidina ao an-trano na hamoaka zavatra avy ao amin'izany, [16]ary izay any an-tsaha aoka tsy hiverina haka ny lambany.
[17]Lozan'ireo vehivavy bevohoka sy mampinono amin'izany andro izany! [18]Mivavaha ianareo mba tsy ho amin'ny ririnina no hitrangan'izany. [19]Fa hisy fahoriana be, izay tsy mbola nisy hatramin'ny voalohany, rehefa namorona izao tontolo izao Andriamanitra, ka mandrak'ankehitriny, tsia, ary mandrakizay tsy hisy intsony izany. [20]Ary raha tsy hoe nohafohezin'ny Tompo izany andro izany, dia tsy hisy nofo ho voavonjy. Fa nohon'ny olom-boafidy, izay nofinidiny, dia nafohezin'ny isan'izany andro izany.
[21]Ary raha misy olona miteny aminao hoe: 'Jereo, aty Ilay Kristy!' na koa hoe: 'Jereo, ery Izy!' dia aza mino izany. [22]Fa hisy Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hiseho ary haneho famantarana sy fahagagana, mba hamitahana, na dia ny olom-boafidy aza, raha azo atao. [23]Miambena! Efa voalazako taminareo mialoha ny fotoan'ireo zavatra rehetra ireo.
[24]Kanefa aorian'ny fahorian'ireo andro ireo, dia hihamaizina ny masoandro, ny volana tsy hanome ny hazavany, [25]ireo kintana hiraraka avy eny amin'ny lanitra, ary ireo hery izay ao an-danitra ho hozongozonina. [26]Ka ho hitan'izy ireo ny Zanak'Olona avy eny amin'ny rahona amin'ny hery lehibe sy voninahitra. [27]Ary haniraka ny anjeliny Izy ka hanangona miaraka ireo olom-boafidiny avy any amin'ny vazan-tany efatra, avy any amin'ny faran'ny tany ka hatrany amin'ny faran'ny lanitra.
[28]Makà lesona avy amin'ny hazon'aviavy. Raha vao manaroka sy mandravina ny rantsany, dia fantatrareo fa akaiky ny lohataona. [29]Toy izany koa, raha vao hitanareo mitranga izany zavatra rehetra izany, dia fantatrareo fa efa akaiky Izy, manakaiky ny vavahady.
[30]Lazaiko aminareo, marina tokoa, ity taranaka ity dia tsy ho lany ritra mandra-pitrangan'izany zavatra rehetra izany.
[31]Ho levona ny lanitra sy ny tany, fa ny teniko kosa tsy mba ho levona mandrakizay. [32]Fa ny mahakasika izany andro na ora izany, dia tsy misy mahalala, na dia ireo anjely any an-danitra aza, na ny Zanaka, fa ny Ray ihany.
[33]Mitandrema! Miambena, satria tsy fantatrareo ny ora.[1] [34]Izany dia tahaka ny lehilahy iray handeha lavitra_nandao ny tranony izy ka ireo mpanompony no nataony niandraikitra ny tranony, samy amin'ny raharahany avy, ary nandidy ny mpiambina Izy mba tsy hatory.
[35]Koa miambena, satria tsy fantatrareo hoe rahoviana no ho avy ny tompon-trano; mety ho amin'ny hariva izany, na amin'ny sasak'alina, na maneno akoho, na maraina. [36]Fa raha avy tampoka izy, dia aza avela hahita anareo matory izy.
[37]Izay lazaiko aminareo dia lazaiko amin'ny olona rehetra koa: Miambena!"

---

[1]Fanamarihana: Ireo fahefana taloha dia hoe: Mitandrema! Miambena ary mivavaha, satria...

---

14 [1]Ary roa andro mialohan'ny Paska sy ny Fankalazana ny fihinanana ny Mofo Tsy misy Masirasira tamin'izany. Nitady fomba hisamborana an'i Jesosy mangingina ireo lohan'ny mpisorona sy ny mpanoradalàna ary hamono Azy avy eo.
[2]Fa hoy izy ireo hoe: "Aleo tsy amin'ny andro fety, mba tsy hampitabataba ny olona."
[3]Raha tany Betania tao an-tranon'i Simona boka Jesosy, raha nipetraka teo an-databatra Izy, dia nisy vehivavy iray nanatona Azy nitondra tavoara alabastara misy menaka lafo vidy, izay narda tsy misy fangarony. Novakiany ilay tavoara dia nararany teo amin'ny lohany izany. [4]Nahatezitra ny olona sasany anefa izany. Nifampiresaka izy ireo ka nanao hoe: "Inona no anton'izao fandanindaniam-poana izao? [5]Io menaka manitra io dia afaka namidy mihoatry ny denaria telonjato, ary nomena ny mahantra." Dia nibedy ilay vehivavy izy ireo avy eo.
[6]Nefa hoy Jesosy hoe: "Avelao izy. Nahoana ianareo no manao izay mampalahelo azy? Zavatra tsara no nataony tamiko.
[7]Ny mahantra dia eo aminareo mandrakariva, ary afaka hanao asa soa ho azy ireo foana ianareo na amin'ny fotoana inona na fotoana inona, fa Izaho kosa tsy hitoetra eo aminareo mandrakariva. [8]Nanao izay azony atao izy: nanosotra ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tenako ho amin'ny fandevenana izy. [9]Lazaiko marina aminareo, na aiza na aiza hitoriana ny Filazantsara manerana izao tontolo izao, dia ho lazaina ny nataon'ity vehivavy ity, mba ho fahatsiarovana azy."
[10]Avy eo Jodasy Iskariota, iray tamin'izy roa ambin'ny folo lahy, lasa nankany amin'ireo lohan'ny mpisorona hahafahany manolotra Azy eo amin'izy ireo. [11]Rehefa nandre izany ireo lohan'ny mpisorona, dia faly izy ireo ka nampanantena hanome vola azy. Dia nanomboka nitady irika hanolorana Azy amin'izy ireo izy.
[12]Tamin'ny andro voalohan'ny fihinanana ny mofo tsy misy masirasira, rehefa nanao sorona ny ondrin'ny Paska izy ireo, dia hoy ireo mpianany taminy hoe: "Aiza no tianao alehanay hikarakarana sakafo, mba hinananao ny sakafon'ny Paska?"
[13]Dia naniraka roa tamin'ireo mpianany Izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Mandehana any an-tanàna, ary hisy lehilahy mitondra siny feno rano hifanena aminareo. Manaraha Azy. [14]Izay trano hidirany, manaraha azy dia lazao ny tompon'izany trano izany hoe: 'Hoy ny Mpampianatra hoe: "Aiza ny efitrano fandraisam-bahiny ahafahako miara-mihinana ny Paska amin'ireo mpianatro?"'
[15]Hanoro anareo efitrano lehibe ambony rihana misy fanaka izay efa vonona tsara izy. Ao no ataovy ny fanomanana rehetra ho antsika." [16]Dia lasa ny mpianatra ary nihazo ny tanàna. Hitan'izy ireo araka izay efa nolazainy tamin'izy ireo ny zava-drehetra, dia nanomana ny sakafon'ny Paska izy ireo.
[17]Rehefa hariva ny andro, dia tonga niaraka tamin'ireo roa ambin'ny folo lahy Izy. [18]Rehefa nipetraka teo an-databatra sy nihinana izy ireo, dia hoy Jesosy hoe: "Lazaiko marina aminareo, fa ny iray aminareo izay miara-mihinana amiko eto dia hamadika Ahy". [19]Nalahelo mafy izy rehetra, ka niteny taminy ny tsirairay hoe: "Tsy izaho mihitsy izany?"
[20]Jesosy namaly ka niteny azy ireo hoe: "Ny anankiray aminareo roa ambin'ny folo izany, ilay iray miara-manatsoboka mofo amiko anaty lovia izao." [21]Fa ny Zanak'Olona dia handeha amin'ny lalana izay efa voalazan'ny Soratra Masina momba Azy. Fa loza kosa ho an'izany lehilahy izay mamadika ny Zanak'olona izany. Tsara ho azy kokoa aza raha tsy teraka izy."
[22]Raha mbola teo am-pihinanana izy ireo, dia nandray ny mofo i Jesosy, nisaotra, ary nizarazara izany. Natolony azy ireo izany sady nanao hoe: "Raiso, ity no vatako." [23]Dia nandray ny kapoaka Izy, nisaotra, ary nanolotra izany azy ireo, dia nisotro tamin'izany izy rehetra. [24]Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Ity ny ràn'ny fanekem-pihavanako, rà izay alatsaka ho an'ny maro. [25]Lazaiko marina aminareo, tsy hisotro ity vokatry ny voaloboka ity intsony Aho mandra-pahatongan'ny andro izay hisotroako izany indray any amin'ny Fanjakan'Andriamanitra."
[26]Rehefa avy nihira fiderana izy ireo, dia nandeha teny an-tendrombohitr'Oliva. [27]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Handao Ahy avokoa ianareo rehetra, fa voasoratra hoe: 'Hamely ny mpiandry ondry Aho ary hiparitaka ny ondry.'
[28]Fa rehefa avy hatsangana amin'ny maty Aho, dia hialoha lalana anareo ao Galilia." [29]Dia hoy Petera taminy hoe: "Na dia handao avokoa aza ny rehetra, izaho tsy mba handao."
[30]Hoy Jesosy taminy hoe: "Lazaiko marina aminao, fa anio alina, raha mboola tsy maneno in-droa akory ny akoho, dia efa handà Ahy in-telo ianao." [31]Fa hoy Petera hoe: "Na tsy maintsy hiara-maty aminao aza aho, tsy mba handà Anao." Dia samy nampanantena toy izany avokoa izy rehetra.
[32]Ary tonga tany amin'ny toerana atao hoe Getsemane izy ireo, dia hoy Jesosy tamin'ireo mpianany hoe: "Mipetraha eto raha mbola mivavaka Aho." [33]Dia nitondra an'i Petera, sy Jakoba, ary Jaona niaraka taminy Izy ary nanomboka nalahelo sady ory tanteraka. [34]Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Fadiranovana loatra ny Fanahiko, toy ny efa ho faty. Mitoera eto ka miambena."
[35]Nanalavitra kelikely Jesosy, niankohoka tamin'ny tany, dia nivavaka Izy mba raha toa ka azo atao, dia hiala Aminy izany ora izany. [36]Hoy Izy hoe: "Aba, Ray o, ny zavatra rehetra hainao atao. Esory amiko ity kapoaka ity. Nefa aoka tsy ny sitrapoko no hatao, fa ny Anao."
[37]Niverina Izy dia nahita azy ireo natory, ka hoy Izy tamin'i Petera hoe: "Simona, matory va ianao? Tsy nahavita niambina ora iray va ianao? [38]Miambena dia mivavaha mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy. Ny fanahy mety mazoto tokoa, fa ny nofo no malemy." [39]Dia lasa indray Izy nisintaka kely ary nivavaka, ary dia namerina ny teny nataony teo aloha ihany.
[40]Niverina indray Izy dia nahita azy ireo natory, fa navesatry ny torimaso ny mason'izy ireo ary tsy hitan'izy ireo izay nolazaina taminy. [41]Nanatona fanintelony Izy ka niteny azy ireo hoe: "Mbola matory sy maka aina foana va ianareo? Ampy izay! Efa tonga ny fotoana. Jereo! Ny Zanak'Olona novadihana hatolotra eo an-tanan'ny mpanota. [42]Mitsangàna; andao andeha isika. Jereo, efa akaiky ilay hamadika Ahy."
[43]Ary raha mbola teo am-pitenenana Izy, dia tonga Jodasy, iray amin'ireo roambinifolo lahy, niaraka tamina vahoaka maro izay nilanja sabatra sy langilangy, avy amin'ireo lohan'ny mpisorona, ny mpanoradalàna, ary ny loholona. [44]Ary ilay mpamadika Azy nanome famantarana azy ireo, niteny hoe: "Izay horohako, Izy ilay Izy. Sambory Izy dia ambeno."
[45]Rehefa tonga Jodasy, dia nanatona an'i Jesosy avy hatrany izy sady niteny hoe: "Raby," ary nanoroka Azy izy. [46]Avy eo dia nosamborin'izy ireo Jesosy.
[47]Fa nisy iray tamin'ireo nijoro teo namoaka ny sabatrany ary namely ilay mpanompon'ny mpisoronabe ka nanapaka ny sofiny. [48]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Avy hisambotra Ahy, toy ny hisambotra jiolahy, miaraka amin'ny sabatra sy langilangy va ianareo? [49]Tamin'Izaho teo aminareo isan'andro sy nampianatra teo amin'ny tempoly, tsy nosamborinareo. Fa natao izao mba hahatanteraka ny Soratra Masina." [50]Dia nandao Azy avokoa ireo rehetra niaraka tamin'i Jesosy ary niery.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[51]Ary nisy zatovo lahy anankiray, tsy nitafy afa-tsy lamba hariry fotsiny ihany, nanaraka an'i Jesosy. Rehefa nosamborin'ny olona izy [52]dia navelany teo ny lambany ka lasa nandositra nitanjaka izy.
[53]Nentin'izy ireo tany amin'ny mpisoronabe Jesosy. Niara-niangona taminy teo daholo ny mpisorona rehetra, sy ny loholona, ary ireo mpanora-dalàna. [54]Ary Petera nanaraka Azy avy eny lavidavitra eny, hatrany amin'ny tokontanin'ny mpisoronabe. Nipetraka teo amin'ireo mpiambina izy, izay namindro teo akaikin'ny afo.
[55]Ary ireo lohan'ny mpisorona sy ny Synedriona Jiosy dia nitady vavolombelona manohitra an'i Jesosy mba hahafahan'izy ireo mamono Azy ho faty. Saingy tsy nahita izy ireo. [56]Fa maro no niampanga lainga Azy, nefa na ny fiampangan'izy ireo aza tsy nitombomona akory.
[57]Ary nisy olona sasany nitsangana ka niampanga lainga Azy; hoy izy ireo hoe: [58]"Renay Izy niteny hoe: 'Ho ravako ity tempoly natao tanana ity, ary ao anatin'ny telo andro Aho dia hanangana iray hafa tsy nataon-tanana.'" [59]Fa mbola tsy nifanaraka ihany ny fiampangan'izy ireo.
[60]Ary ny mpisoronabe nijoro teo amin'izy ireo dia nanontany an'i Jesosy hoe: "Tsy manan-kavaly va Ianao? Inona izany hiampangan'ireto olona ireto Anao izany?" [61]Fa nangina Izy sady tsy namaly na inona na inona. Dia mbola nanontany Azy indray ny mpisoronabe ka nanao hoe: "Ianao va no Kristy, Zanak'Ilay voatahy?" [62]Dia hoy Jesosy hoe: "Izaho no Izy; ary ho hitanareo ny Zanak'Olona rehefa mipetraka eo an-tanana ankavanan'ny herin'Andriamanitra sy avy eny amin'ny rahon'ny lanitra."
[63]Ary ny mpisoronabe nandrovitra ny fitafiany sady nanao hoe: "Mbola mila vavolombelona ihany va isika? [64]Efa renareo ny fitenenan-dratsy. Inona no fanapahan-kevitrareo?" Izy rehetra dia samy nanameloka Azy toy ny olona mendrika ny ho faty. [65]Ny sasany nanomboka nandrora Azy ary nanarona ny tavany ka namely Azy ary nanao taminy hoe: "Maminania!" Ary ireo manam-boninahitra naka Azy ka nidaroka Azy.
[66]Ary raha teo ambany teo an-kianja Petera, dia nanatona azy ny iray tamin'ireo mpanompo vavin'ny mpisoronabe.
[67]Nahita an'i Petera nijoro namindro teo amin'ny afo izy, dia nodinihany akaiky. Dia hoy izy taminy hoe: "Ianao koa niaraka tamin'ilay Nazarena, Jesosy". [68]Fa izy nandà izany, nanao hoe: "Tsy fantatro sady tsy azoko izay teneninao." Avy eo lasa niala ny kianja izy. [1]
[69]Fa ilay ankizivavy teo nahita azy dia nanomboka niteny tamin'ireo olona nitsangana manodidina indray hoe: "Io lehilahy io dia iray amin'izy ireny!" [70]Fa mbola nandà izany indray izy. Kelikely avy eo dia hoy ireo nitsangana teo tamin'i Petera hoe: "Iray amin'izy ireo mihitsy ianao, satria ianao koa dia Galiliana."
[71]Fa nanomboka nanozon-tena sy nianiana izy hoe: "Tsy fantatro izany lehilahy lazainareo izany." [72]Ary niaraka tamin'izany dia naneno fanindroany ny akoho. Avy eo dia nahatsiaro ny tenin'i Jesosy taminy Petera hoe: "Raha tsy mbola maneno fanindroany ny akoho, dia handà Ahy intelo ianao," Dia nalahelo mafy izy sady nitomany.

---

[1]Fanamarihana: Ireo fandikana sasany manampy hoe: "Dia naneno ny akoho," fa ireo fandikana taloha tsara indrindra dia tsy misy an'io teny io.

---

15 [1]Vao maraim-be, dia nivory ny mpisoronabe niaraka tamin'ireo loholona sy ireo mpanora-dalàna ary ny Synedriona Jiosy iray manontolo. Nofatoran'izy ireo Jesosy ary nentin'izy ireo nivoaka. Natolotr'izy ireo teo amin'i Pilato Izy.
[2]Nanontany Azy Pilato hoe: "Ianao va no mpanjakan'ny jiosy?" Novaliany hoe: "Voalazanao." [3]Nanolotra fiampangana maro manohitra an'i Jesosy ireo lohan'ny mpisorona.
[4]Nanontany Azy indray Pilato hoe: "Tsy manome valin-teny va Ianao? Jereo ny habetsaky ny fiampangana entin'izy ireo manohitra Anao!" [5]Fa tsy namaly an'i Pilato intsony Jesosy, dia nahagaga azy izany.
[6]Ary tamin'ny andro firavoravoana, dia namotsotra gadra iray ho azy ireo foana Pilato, gadra izay angatahan'izy ireo.
[7]Niaraka tamin' ireo mpikomy tao am-ponja, teo amin'ireo mpamono olona izay voatazona nohon'ny fandraisan'izy ireo anjara tamin'ny fikomiana, dia nisy lehilahy iray antsoina hoe Barabasy. [8]Dia nankeo amin'i Pilato ny vahoaka ka nanomboka nangataka taminy mba hanao ho azy ireo araka ny fanaony tany aloha.
[9]Pilato namaly azy ireo ka nanao hoe: "Tianareo va raha ny Mpanjakan'ny Jiosy no halefako ho anareo?" [10]Satria fantany fa fialonana no nanoloran'ny lohan'ny mpisorona an'i Jesosy taminy. [11]Fa nanentana ny vahoaka ireo lohan'ny mpisorona mba hihiaka mafy fa tokony ho Barabasy kosa no havotsotra.
[12]Dia namaly azy ireo indray Pilato ka nanao hoe: "Inona ary izany no tokony ho ataoko amin'ny Mpanjakan'ny Jiosy?"
[13]Dia nihiakiaka indray izy ireo hoe: "Homboy Izy!"
[14]Hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Inona no ratsy nataony?" Fa nihiaka mafy hatrany hatrany izy ireo hoe: "Homboy Izy."
[15]Te-hanao izay mahafa-po azy ireo Pilato, koa dia nafahany ho azy ireo Barabasy. Nokapohiny Jesosy ary avy eo natolony mba homboana.
[16]Nentin'ireo miaramila ho eo an-kianja Izy (izay ivon-toeran'ny fanjakana), ary nantsoin'ireo avokoa ny antoko miaramila manontolo [17]Notafian'izy ireo lamba voloparasy Jesosy, ary nandrandrana fehiloha tsilo izy ireo ka nametraka izany teo aminy. [18]Dia nanomboka niarahaba Azy izy ireo ary niteny hoe: "Arahaba, ry Mpanjakan'ny Jiosy!"
[19]Nokapohin'izy ireo tamin'ny volotara ny lohany sady nandrora teo aminy. Dia nandohalika teo anatrehany izy ireo mody nidera Azy. [20]Rehefa avy naneso Azy izy ireo, dia nesorin'izy ireo taminy indray ny lamba volomparasy ary nampitafian'izy ireo Azy ny fitafiany manokana, ary dia nentin'ireo nivoaka Izy mba hanomboana Azy. [21]Noteren'izy ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ny mpandalo anankiray izay avy any an-tsaha mba hilanja ny hazofijalian'i Jesosy, lehilahy iray antsoina hoe Simona Kyreniana rain'i Aleksandra sy Rofosy.
[22]Nentin'ireo miaramila tany amin'ny toerana atao hoe Gologota Jesosy (izay midika hoe "Toeran'ny karandoha").
[23]Nomen'izy ireo divay nifangaro miora Izy, fa tsy nisotro izany Izy. [24]Dia nohomboan'izy ireo Izy ary nifampizaran'izy ireo tamin'ny alalan'ny ankitsapaka ny fitafiany mba hahalalana izay ampahany raisin'ny miaramila tsirairay.
[25]Tamin'ny ora fahatelo Izy no nohomboan'izy ireo. [26]Ary teo amin'ny takelaka hazo iray no nosoratan'izy ireo ny fiampangana nanohitra Azy hoe: "Mpanjakan'ny Jiosy." [27]Jiolahy roa no niaraka nohomboan'izy ireo taminy, ny iray teo ankavanany ary ny iray kosa teo ankaviany. [28] [1]
[29]Ireo izay nandalo teo dia naniratsira Azy, nihifikifi-doha ary nanao hoe: "Aha! Ianao ilay afaka mandrava ny tempoly ary manorina izany ao anatin'ny telo andro, [30]vonjeo ny tenanao ary midina avy eo amin'io hazofijaliana io!"
[31]Ny lohan'ny mpisorona koa dia naneso Azy tahaka izany, niaraka tamin'ireo mpanora- dalàna, ary niteny hoe: "Namonjy ny hafa Izy, nefa tsy mahavonjy ny tenany. [32]Aoka ilay kristy, ilay Mpanjakan'Israely, hidina avy eo amin'ny hazofijaliana, mba ho hitanay ary hinoanay," ary ireo nohomboana niaraka taminy koa dia naneso Azy.
[33]Tamin'ny ora faha-enina, dia tonga teo amin'ny tany rehetra ny aizina hatramin'ny ora fahasivy. [34]Ary tamin'izany ora fahasivy izany dia nihiaka tamin'ny feo mahery Jesosy hoe: "Eloy, Eloy, lamà sabaktany?" izay midika hoe: "Andriamanitro ô, Andriamanitro ô, nahoana Ianao no nahafoy Ahy?" [35]Ny sasany tamin'ireo izay nitsangana teo nandre ny teniny ka niteny hoe: "'Jereo, miantso an'i Elia Izy."
[36]Nisy olona iray nihazakazaka, namonto divay marikivy ny sipaonjy, ary nandraikitra izany tamin'ny volotara, dia nanome izany ho sotroiny. Ilay lehilahy nilaza hoe: "Aoka ho hitanay raha ho avy ampidina Azy eo Elia." [37]Avy eo Jesosy nihiaka tamin'ny feo mafy dia maty. [38]Rovitra nizara roa hatrany ambony ka hatrany ambany ny lamban'ny tempoly.
[39]Rehefa hitan'ilay kapiteny izay nitsangana sy nifanatrika tamin'i Jesosy fa maty tamin'izany fomba izany Izy, dia hoy Izy hoe: "Tena Zanak'Andriamanitra marina tokoa io lehilahy io." [40]Dia nisy vehivavy koa nijery teny lavitra teny. Isan'izany Maria Magdalena, Maria (renin'i Jakoba zandriny sy Josesy), ary Salome [41]Tamin'Izy tany Galilia dia nanaraka Azy sy nanompo Azy izy ireo. Ary vehivavy maro hafa koa no niara-niakatra taminy tany Jerosalema.
[42]Koa rehefa tonga ny hariva, satria Andro Fiomanana, izany hoe, andro mialohan'ny Sabata io, [43]dia tonga teo Josefa avy any Arimatia. Mpikambana hajaina ao amin'ny Synedriona izy, izay niandry ny Fanjakan'Andriamanitra. Nanam-pasahiana izy nankany amin'i Pilato hangataka ny fatin'i Jesosy. [44]Gaga Pilato hoe maty sahady Jesosy; dia nantsoiny ilay kapiteny ary nanontany azy izy raha maty Jesosy.
[45]Rehefa nahazo antoka tamin'ilay kapiteny izy fa maty Jesosy, dia nomeny an'i Josefa ny vatana mangatsiaka. [46]Ary Josefa nividy hariry madinika. Nampidina an'i Jesosy teo amin'ny ny hazofijaliana izy, dia namono hariry madinika Azy, ary nametraka Azy tao amin'ny fasana izay nolavahana tao amin'ny vatolampy. Avy eo nanakodia vato teo amin'ny varavaram-pasana izy. [47]Dia hitan'i Maria Magdalena sy Maria renin'i Josesy ny toerana nandevenana Azy.

---

[1]Fanamarihana: Ireo fandikana taloha tsara indrindra dia tsy manisy ny Marka 15: 28 hoe: "Dia tanteraka ny Soratra Masina manao hoe: 'Natao ho isan'ny mpanota Izy.' (Ampitahao ny Lioka 22:35)

---

16 [1]Rehefa tapitra ny andron'ny Sabata, dia nividy zava-manitra hosorana amin'ny fatin'i Jesosy i Maria Magdalena sy Maria renin'i Jakoba, ary Salome nividy hanitra mba handeha ary hanosotra ny fatin'i Jesosy. [2]Vao maraim-be tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, dia nankeny amin'ny fasana izy ireo rehefa niposaka ny masoandro.
[3]Dia nifampiteny izy ireo hoe: "Iza no hanakodia ny vato eo amin'ny varavaram-pasana ho antsika?" [4]Rehefa nitraka izy ireo, dia hitany fa efa voakodia niala ilay vato, izay tena lehibe tokoa.
[5]Niditra tao am-pasana izy ireo dia nahita zatovolahy niakanjo fotsy, nipetraka teo ankavanana, ary dia gaga izy ireo. [6]Dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra. Mitady an'i Jesosy ianareo, ilay Nazarena, izay nombohana. Nitsangana Izy! Tsy eto Izy. Jereo ny toerana izay nametrahan'izy ireo Azy. [7]Fa mandehana, lazao ireo mpianany sy Petera fa hialoha lalana anareo any Galilia Izy. Any no hahitanareo Azy, araka izay nolazainy taminareo."
[8]Nivoaka izy ireo ka nihazakazaka niala ny fasana; nangovitra sy talanjona izy ireo. Tsy nilaza na inona na inona tamin'ny olona izy ireo satria tena natahotra mafy.
[9] [1]Vao maraina tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, taorian'ny nitsanganany, dia niseho tamin'i Maria Magdalena aloha Izy, ilay nandroahany demonia fito. [10]Dia lasa Maria ary nilaza ny vaovao tamin'ireo niaraka tamin'i Jesosy, raha mbola nisaona sy nitomany izy ireo. [11]Ren'izy ireo fa velona Izy ary nahita Azy izy, saingy tsy nino izy ireo.
[12] [2]Taorian'ireo zavatra ireo Jesosy dia niseho tamin'ny endrika hafa tamin'ny roa tamin'izy ireo, raha nandeha ho any an-tanàna izy ireo. [13]Dia lasa izy ireo ary nilaza tamin'ireo mpianatra sisa, saingy tsy nino izy ireo.
[14] [3]Taoriana kely dia niseho tamin'ny iraika ambiny folo lahy Jesosy raha mbola teo am-pisakafoana izy ireo, ary niteny mafy azy ireo Izy nohon'ny tsy finoana sy hamafin'ny fon'izy ireo, satria tsy nino ireo izay nahita Azy taorian'ny nitsangany tamin'ny maty izy ireo. [15]Ary hoy Izy tamin'ireo hoe: "Mandehana any amin'izao tontolo izao, ary torio amin'ny olona rehetra ny Filazantsara. [16]Izay mino sy atao batisa no ho vonjena, ary izay tsy mino kosa dia ho helohina.
[17] [4]Ireto famantarana ireto dia hanaraka ireo izay mino: Amin'ny anarako no hamoahan'izy ireo demonia. Hiteny amin'ny fiteny vaovao izy ireo. [18]Handray menarana amin'ny tanana izy ireo, ary raha misotro zava-mahafaty izy ireo, dia tsy hampaninona azy ireo izany. Hametra-tanana amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[19] [5]Rehefa avy niresaka tamin'izy ireo ny Tompo, dia nampiakarina ho any an-danitra Izy ary nipetraka eo an-tanana ankavanan' Andriamanitra. [20]Dia lasa ireo mpianatra nitory teny rehetra teny, ary ny Tompo niara-niasa tamin'izy ireo ary nanamafy ny teny tamin'ny alalan'ny famantarana izay niaraka tamin'izy ireo.

---

[1]Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka: 16:9-20
[2]Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20
[3]Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20
[4]Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20
[5]Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny Marka 16:9-20

Lioka

1 [1]Maro ireo niezaka nanoratra tantara mahakasika ireo zava-nitranga izay tanteraka teto amintsika, [2]araka izay efa nanoloran'izy ireo azy tamintsika, izay efa vavolombelona nanatri-maso sy mpanompon'ny teny hatrany am-piandohana. [3]Ary amiko ihany koa dia toa mety - rehefa nanadihady tsara ny fandehan'ny zavatra rehetra hatramin'ny voalohany - ny hanoratra tatitra araka ny filaharany ho anao, ry Teofilo mendrika indrindra. [4]Izany dia mba hahalalanao ny marina momba ireo zavatra izay nampianarina anao.
[5]Tamin'ny andron'i Heroda, mpanjakan'ny Jodia, dia nisy iray tamin'ny mpisorona antsoina hoe Zakaria, avy amin'ny antokon'i Abia. Ny vadiny dia avy amin'ny zanaka vavin'i Arona, ary ny anarany dia Elizabeta. [6]Samy marina teo anatrehan'Andriamanitra izy ireo, ary nankatoa ireo didy rehetra sy ireo fitsipiky ny Tompo. [7]Fa tsy nanan-janaka anefa izy ireo, satria momba Elizabeta, ary samy efa tena antitra ihany koa izy roa ireo tamin'izany fotoana izany.
[8]Ary izany dia mahakasika an'i Zakaria teo fanatrehan'Andriamanitra, nanatanteraka ireo asan'ny fisoronana araka ny fifandimbiasan'ny isan-tokony. [9]Araka ny fomba fanaon'izy ireo ny amin'ny fisafidianana mpisorona izay tokony hanompo, dia voafidin'ny kodia kely hiditra handoro ny emboka manitra ao an-tempolin'ny Tompo izy. [10]Tamin'ny ora nandoroana ny emboka manitra dia nivavaka teny ivelany ny vahoaka rehetra.
[11]Ary nisy anjelin'ny Tompo niseho taminy ary nitsangana teo ankavanan'ny alitara nisy ny emboka manitra. [12]Rehefa nahita azy i Zakaria, dia raiki-tahotra ary heniky ny tahotra izy. [13]Fa hoy ny anjely taminy: "Aza matahotra, ry Zakaria, efa nohenoina ny vavakao. Hitoe-jaza lahy aminao Elizabeta vadinao. Jaona no ho ataonareo anarany.
[14]Hanam-pifaliana sy haravoana ianao, ary maro koa no ho faly amin'ny fahaterahany. [15]Satria ho lehibe izy eo imaso'ny Tompo. Tsy hisotro divay na zava-pisotro mahery mihitsy izy, ary ho feno ny Fanahy Masina hatrany an-kibon-dreniny izy.
[16]Maro amin'ny vahoakan'Israely no hitodika amin'ny Tompo Andriamanitr'izy ireo. [17]Handeha eo alohan'ny tavan'ny Tompo amin'ny fanahy sy ny herin'Elia izy. Izany no ataony dia ny mba hitodihan'ny fon'ny ray amin'ny zanaka, mba handehanan'ireo izay tsy mankatoa amin'ny lalan'ny fahendren'ny marina - mba hanomanana vahoaka efa vonona ho an'ny Tompo nohomanina ho Azy."
[18]Ary Zakaria niteny tamin'ilay anjely hoe: "Ahoana no ahalalako izany? Fa izaho efa anti-dahy ary ny vadiko dia tena efa antitra." [19]Ary hoy ny anjely namaly sy niteny taminy: "Izaho no Gabriela, ilay mitsangana eo anatrehan'Andriamanitra. Ary voairaka aho mba hilaza aminao, hitondra izao vaovao tsara izao aminao. [20]Koa indro! Ho moana ianao, ka tsy afaka hiteny, mandra-piavin'ny andro hisehoan'ireo zavatra ireo. Satria tsy nino ny teniko ianao, izay ho tanteraka amin'ny fotoana voafaritra."
[21]Ary ny vahoaka sasa-niandry an'i Zakaria. Gaga nohon'ny fijanonany maharitra tao an-tempoly izy ireo. [22]Fa rehefa nivoaka izy, dia tsy afaka niresaka tamin'izy ireo. Ary fantatr'ireo fa nahita fahitana izy tamin'ny tao an-tempoly. Nanao baiko moana tamin'ireo izy ary nijanona ho moana. [23]Ary rehefa tonga ny andro ahataperan'ny fanompoany, dia lasa nody tany an-tranony izy.
[24]Taorinan'ireo andro ireo, dia nitoe-jaza Elizabeta ary niafina nandritry ny dimy volana. Hoy izy hoe: [25]"Izao no nataon'ny Tompo ho ahy rehefa nitsinjo ahy Izy mba hanala ny henatro eo anatrehan'ny olona."
[26]Teo amin'ny faha enim-bolana, dia nirahin'Andriamanitra ny anjely Gabriela nankany amin'ny tanàna iray tao Galilia antsoina hoe Nazareta, [27]ho any amina virjiny iray izay fofom-badina lehilahy antsoina hoe Josefa. Anisan'ny taranak'i Davida izy, ary ny anaran'ilay virjiny dia Maria. [28]Nankeo aminy izy ary niteny hoe: "Arahaba, ry ilay nohasoavina indrindra! Ny Tompo ho ao aminao." [29]Fa tena very hevitra tamin'ny teniny izy nanotany tena hoe karazana fiarahabana toy ny inona izany.
[30]Hoy ny anjely taminy: "Aza matahotra, ry Maria, fa efa nahita sitraka tamin'Andriamanitra ianao. [31]Indro, hitoe-jaza ianao ka hiteraka zazalahy. Ary ny anarany ho antsoinao hoe 'Jesosy.' [32]Ho lehibe Izy ary ho antsoina hoe Zanaky ny Avo Indrindra. Ny Tompo Andriamanitra hanome Azy ny seza fiandrianan'i Davida razambeny. [33]Ary hanjaka mandrakizay amin'ny taranak'i Jakoba izy, ary tsy hanam-pahataperana ny fanjakany."
[34]Hoy Maria tamin'ilay anjely: "Ahoana no hisehoan'izany, fa mbola tsy niara-nandry tamina lehilahy aho?" [35]Ny anjely namaly sy niteny taminy hoe: "Hirotsaka aminao ny Fanahy Masina, ary ny herin'ny Avo Indrindra no ho avy aminao. Ka ilay masina ho teraka dia ho antsoina hoe Zanak'Andriamanitra.
[36]Indro, Elizabeta havanao dia nitoe-jaza lahy ihany koa na dia tamin'ny fahanterany aza. Efa faha enim-bolana ny azy izao, izy ilay nantsoina hoe momba. [37]Satria tsy misy zavatra tsy ho azo tanterahana amin'Andriamanitra." [38]Hoy i Maria:

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

"Indro, izaho no mpanompovavin'ny Tompo. Aoka ho tanteraka amiko izany araka ny hafatrao." Ary niala teo aminy ny anjely.
[39]Ary tamin'izany andro izany i Maria dia niainga ka nandeha faingana nankany amin'ny tany avo, any amin'ny tanànan'i Jodia. [40]Nankany amin'ny tranon'i Zakaria izy ary niarahaba an'i Elizabeta. [41]Ary nony naheno ny fiarahaban'i Maria i Elizabeta, dia nibitaka ny zaza tao an-kibony, ary feno ny Fanahy Masina Elizabeta.
[42]Nanandram-peo sy niteny mafy izy hoe: "Nosoavina noho ny vehivavy rehetra ianao, ary nosoavina ny nateraky ny kibonao. [43]Nahoana izany no mitranga amiko fa ilay renin'ny Tompoko no tonga hanatona ahy? [44]Fa indro, rehefa tonga teo an-tsofiko ny fiarahabanao, dia nientan-kafaliana ny zaza ato an-kiboko. [45]Sambatra izy izay nino fa ho tanteraka ireo zavatra izay nolazain'ny Tompo taminy."
[46]Hoy i Maria: "Midera ny Tompo ny fanahiko, [47]ary ny fanahiko nifaly tao amin'Andriamanitra mpamonjiko.
[48]Fa nijery ny fahantran'ny mpanompo vaviny Izy. Ary indro, manomboka izao ny taranaka rehetra hiantso ahy hoe sambatra. [49]Satria nanao zavatra lehibe tamiko ilay mahefa ny zavatra rehetra, ary masina ny anarany.
[50]Fa maharitra ho an'ny taranaka faramandimby izay matahotra Azy ny famindram-pony. [51]Nampiseho ny heriny tamin'ny sandriny izy; ary nanaparitaka ireo izay nirehareha tamin'ny eritreritry ny fon'izy ireo.
[52]Naongany tamin'ny seza fiandrianany ny zanaka lahin'ny mpanjaka ary ireo ambany nasandrany. [53]Nataony voky zava-tsoa ireo noana, fa ny mpanan-karena nampodiany tsy nanana na inona na inona.
[54]Nanome fanampiana an'Israely mpanompony Izy, mba hahatsiarovany haneho famindram-po[55](araka ny nolazainy tamin'ireo raintsika) tamin'i Abrahama sy ny taranany mandrakizay."
[56]Nijanona nitoetra tao amin'i Elizabeta tokony ho telo volana i Maria ary avy eo niverina nody tany an-tranony. [57]Ary tonga ny fotoana hiterahan'i Elizabeta ny zanany ary niteraka zazalahy izy. [58]Naheno ny famindram-po lehibe nataon'ny Tompo taminy ireo mpiara-monina aminy sy ireo havany, ary niara-paly taminy izy ireo.
[59]Ary tamin'ny andro fahavalo dia tonga hamora ny zaza izy ireo. Saika ho antsoin'izy ireo hoe "Zakaria," araka ny anaran-drainy izy. [60]Fa ny reniny kosa namaly ary niteny hoe: "Tsia. Jaona no hiantsoana azy." [61]Ary hoy ireo taminy: "Tsy misy amin'ny havanao antsoina amin'izany anarana izany."
[62]Nanao baiko moana tamin'ny rainy izy ireo ny amin'ny tiany ho atao anarany. [63]Nangataka solaitra fanoratana ny rainy ary nanoratra hoe: "Jaona no anarany." Ary dia gaga tamin'izany izy rehetra.
[64]Ary niaraka tamin'izay dia nisokatra ny vavany ary nafahana ny lelany. Niteny izy ary nidera an'Andriamanitra. [65]Tonga teo amin'ireo rehetra nanodidina azy ireo ny tahotra. Ary niely eraky ny tanàna avon'i Jodia ny zava-niseho rehetra teo.
[66]Ary ireo rehetra nandre ireo dia nandray ireny tao am-pony, ary nilaza hoe: "Ho lasa inona ary ity zaza ity?" Fa momba azy ny tanan'ny Tompo.
[67]Ary feno ny Fanahy masina i Zakaria rainy ary naminany, ka nilaza hoe: [68]"'Deraina anie ny Tompo, Andriamanitr'Israely, fa tonga nanampy sy nanatanteraka ny fanafahana ho an'ny vahoakany Izy.
[69]Nanandratra avo ny tandrom-panavotana ho antsika ao an-tranon'i Davida mpanompony Izy, [70]tahaka izay nolazainy tamin'ny vavan'ireo mpaminany masina tamin'ny andro taloha tany. [71]Hitondra famonjena amin'ny fahavalontsika sy amin'ny tanan'ireo rehetra mankahala antsika Izy.
[72]Izany no hataony dia ny mba hampisehoana ny famindram-po amin'ireo raintsika sy hampatsiahivana ny fanekem-pihavanany Masina, [73]dia ilay fianianana nolazainy tamin'i Abrahama raintsika. [74]Nianiana ny hahazoantsika, rehefa afaka tamin'ny tanan'ny fahavalontsika, manompo Azy tsy amin-tahotra, [75]am-pahamasinana sy am-pahamarinana eo anatrehany amin'ny androntsika rehetra.
[76]Eny, ary ianao, ry zaza, dia ho antsoina hoe mpaminanin'ny Avo Indrindra, fa handeha hialoha ny tavan'ny Tompo ianao ary hanamboatra ny lalany, mba hanomana ny olona ny amin'ny fiaviany, [77]mba hanome fahalalam-pamonjena ho an'ny olony amin'ny alalan'ny famelana ny helok'izy ireo.
[78]Izany no hiseho dia nohon'ny famindram-po masin'ny Andriamanitsika, nohon'ny amin'izany no hiposahan'ny masoandro avy amin'ny avo mba ho avy hanampy antsika, [79]hanazava an'ireo izay mipetraka ao anatin'ny haizina sy ireo ao anatin'ny aloky ny fahafatesana. Hataony izany mba hitarihana ny tongotsika amin'ny lalam-piadanana."
[80]Ary ny zaza dia nitombo ary tonga nahery amin'ny fanahy, ary tany an'efitra izy mandra-piavin'ny andro hisehoany ankarihary amin'Israely.

2 [1]Ary tamin'izany andro izany, dia nandefa didy mibaiko izay mibaiko ny hanisana ny olona rehetra miaina eto amin'izao tontolo izao Aogosto Kaisara. [2]Izany no fanisam-bahoaka natao voalohany tamin'i Kyrenio no mpanapaka tany Syria. [3]Noho izany ny olon-drehetra dia nankany amin'ny tanàna niaviny avy mba hisoratra anarana ho an'ny fanisam-bahoaka.
[4]Dia nandeha niakatra avy tany Galilia koa Josefa, avy tany an-tanànan'ny Nazareta, ho any Jodia, tanànan'i Davida izay antsoina hoe Betlehema, satria izy avy amin'ny trano sy fianakavian'i Davida. [5]Nandeha tany izy mba hisoratra anarana niaraka tamin'i Maria, izay fofom-badiny ary nitoe-jaza.
[6]Ary raha mbola tany izy ireo, dia tonga ny fotoana hiterahany ny zanany. [7]Niteraka zaza lahy izy, zanany voalohany, ary izy nandrakotra lamban-jaza Azy sy nampandry Azy teo amin'ny fihinanam-bilona, satria tsy nisy toerana ho azy ireo tao amin'ny hotely.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Nisy mpiandry ondry tamin' izany faritra izany izay nijanona tany an-tsaha, niandry ny andian'ondriny tamin'ny alina.
[9]Nisy anjelin' ny tompo niseho tamin'izy ireo, ary ny voninahitry ny Tompo namirapiratra manodidina azy, ary feno tahotra lehibe izy ireo.
[10]Dia niteny tamin'izy ireo ny anjely nanao hoe: "Aza matahotra, fa hitondra vaovao tsara izay hitondra hafaliana lehibe ho an'ny olona rehetra aho. [11]Androany dia nisy mpanavotra izay teraka ho anareo any an-tanànan'i Davida! Izy no Kristy Tompo! [12]Izao no famantarana izay homena anareo: Hahita zazakely mirakotra lamban-jaza ary mandry eo amin'ny fihinanam-bilona ianareo."
[13]Tampoka teo niaraka tamin'ilay anjely, dia nisy tafiky ny lanitra lehibe nidera an'Andriamanitra nanao hoe:
[14]"Voninahitra ho an'Andriamanitra any amin'ny avo indrindra, ary hisy fiadanana anie eto an-tany eo amin'ny olona izay ankasitrahany."
[15]Ary rehefa niala teo amin'izy ireo nankany an-danitra ireo anjely, ny mpiandry ondry nifampiteny hoe: "Andeha isika izao ho any Betlehema, ary hijery izany zava-nitranga izany, izay nampahafantarin'ny Tompo antsika izany." [16]Nandeha faingana tany izy ireo ary nahita an'i Maria sy Josefa, ary nahita ny zazakely nandry teo amin'ny fihinanam-bilona.
[17]Taorian'ny nahitan' izy ireo Azy, dia nampahafantarin'izy ireo ny zavatra rehetra nolazaina azy ireo momba io zaza io.
[18]Izay rehetra nandre izany dia gaga ny amin'ny nolazain'ny mpiandry ondry tamin'izy ireo. [19]Fa Maria kosa nanohy nieritreritra momba ny zavatra rehetra izay reny, ary nitahiry ireny tao am-pony. [20]Niverina ireo mpiandry ondry, nanome voninahitra sy nankalaza an' Andriamanitra noho ny zavatra rehetra izay ren'izy ireo sy hitan'ireo, araka izay nolazaina tamin' izy ireo.
[21]Nony tapitra ny andro fahavalo, rehefa noforàna Izy, dia nomena anarana hoe Jesosy, ilay anarana nomen'ny anjely Azy talohan'ny nametrahana Azy tao an-kibo.
[22]Ary rehefa dila ny isan'ny andro notakiana hidiovany, araka ny lalàn'i Mosesy, dia nitondra Azy niakatra ho any an-tempoly tao Jerosalema i Maria sy Josefa mba hanolotra Azy eo amin'ny Tompo. [23]Araka izay voasoratra ao amin'ny lalàn'ny Tompo hoe: "Ny lahy rehetra izay voaloha-teraka dia hatokana ho an'ny Tompo." [24]Noho izany dia nanolotra sorona araka izay voalaza ao amin' ny lalàn'ny Tompo izy ireo, "domohina roa na zanaka voromailala roa."
[25]Ary indro, nisy lehilahy tany Jerosalema, Simona no anarany, ary izany lehilahy izany dia marina sy mafana fo. Nitady ny fampiononana an'Israely izy, ary tao aminy ny Fanahy Masina. [26]Nambaran'ny Fanahy Masina taminy fa tsy hahita fahafatesana mialohan'ny ahitany ny Kristin'ny Tompo izy.
[27]Notarihin' ny Fanahy, nankany an-tempoly Simona. Rehefa nitondra an'i Jesosy zazakely niditra ny ray aman-dreniny, mba hanao Azy araka ny fomba ao amin'ny lalàna, [28]dia noraisiny ho eny an-tsandriny Izy sady nidera an' Andriamanitra ary nanao hoe: [29]"Ankehitriny avelao andeha am-piadanana ny mpanomponao, ry Tompo, araka ny teninao.
[30]Fa ny masoko nahita ny famonjenao, [31]izay nomaninao teo amin'ny fanatrehan'ny olona rehetra: [32]Dia fahazavana ho fanambarana ho an'ny Jentilisa ary voninahitra ho an'Israely olonao."
[33]Ny ray sy renin' ilay zaza dia talanjona tamin' ny zavatra nolazaina mahakasika Azy. [34]Nitso-drano azy ireo Simona ary niteny tamin' i Maria reniny hoe: "Indro, ity zaza ity dia voatendry ho amin'ny fandavoana sy fanandratana ny olon'Israely maro ary ho famantarana izay nolavina - [35]ary hisy sabatra handoaka ny fanahinao - mba ho voambara ny hevitry ny fo maro."
[36]Nisy mpaminany vavy iray antsoina hoe Ana teo. Zanakavavin'i Fanoela avy amin'ny foko Asera izy. Tena antitra izy. Nipetraka niaraka tamin' ny vadiny fito taona taorian'ny nahavirijiny azy izy, [37]ary mpitondra tena nandritry ny efatra amby valopolo taona. Tsy nandao ny tempoly mihitsy izy fa nanompo tamin'ny fifadian-kanina sy vavaka, andro aman'alina. [38]Tamin' izany ora izany indrindra dia nanatona akaiky azy ireo izy ary nanomboka nanome fisaorana an'Andriamanitra sy nilaza ny momban'ilay zaza tamin'ny olona rehetra izay niandry ny fanavotana an'i Jerosalema.
[39]Rehefa nahavita ny zavatra rehetra nasaina nataony araka ny lalàn'ny Tompo izy ireo, dia niverina tany Galilia, any amin'ny tanànan'izy ireo any Nazareta. [40]Nihalehibe ny zaza ary nihanatanjaka, nitombo fahendrena, ary ny fahasoavan'Andriamanitra dia tao aminy.
[41]Ny ray aman-dreniny dia nankany Jerosalema isan-taona hamonjy ny Firavoravoan'ny Paska. [42]Rehefa roa ambin'ny folo taona Izy, dia nandeha nankany araka ny fomba fanao amin'ny fety indray izy ireo. [43]Ary rehefa avy nitoetra tany nandritry ny andron'ny fety manontolo izy ireo, dia nanomboka niverina nody izy ireo. Fa Jesosy zazalahy nijanona tany Jerosalema nefa tsy fantatry ny ray aman-dreniny izany. [44]Nataon'izy ireo fa niaraka tamin'ny olona niara-dia tamin'izy ireo Izy, dia nandeha nandritry ny andro iray manontolo izy ireo. Ary avy eo dia nanomboka nitady Azy tany amin'ireo havany sy ireo namany izy ireo.
[45]Rehefa tsy hitan'izy ireo Izy, dia niverina tany Jerosalema izy ireo ka nanomboka nitady Azy tany. [46]Nony afaka telo andro, dia hitan'izy ireo tao an-tempoly Izy, nipetraka teo afovoan'ireo mpampianatra, nihaino azy ireo sy nametraka fanontaniana tamin'izy ireo. [47]Izay rehetra naheno Azy dia gaga tamin' ny fahalalany sy ireo valinteniny.
[48]Rehefa nahita Azy izy ireo, dia talanjona. Ny reniny niteny taminy hoe: "Anaka, nahoana ianao no nanao toa izao anay? Henoy, izaho sy ny rainao nitady anao tamin-tebiteby." [49]Izy niteny tamin' izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no nitady Ahy? Tsy fantatrareo ve fa tsy maintsy ho ao an-tranon'ny Raiko Aho?" [50]Fa tsy azon'izy ireo izay tiany holazaina tamin' izany teny izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[51]Dia nody niaraka tamin'izy ireo tany Nazareta Izy sady nankatoa azy ireo. Ny reniny dia nitahiry izany zavatra rehetra izany tao am- pony. [52]Fa Jesosy niha-nitombo fahendrena sy nitombo tena, ary nitombo fitia tamin'Andriamanitra sy ny olona.

3 [1]Tamin'ny taona faha dimy ambin'ny folo nanjakan'i Tiberie Kaisara - fony Pontio Pilato no goveronoran'i Jodia, Heroda dia mpanapaka tao Galilia, Filipo ralahiny dia mpanapaka tao amin'ny faritra Itoria sy Trakonitisy, ary Lysania dia mpanapak'i Abilena, [2]nandritry ny fisoronam-ben'i Aniasy sy Kaiafa - dia tonga tamin'i Jaona zanaka lahin'i Zakaria tany an'efitra ny tenin'Andriamanitra.
[3]Nandeha tany amin'ireo faritra rehetra manodidina an'ny Jordana Izy, nitory ny batisan'ny fibebahana ho famelana ireo heloka.
[4]Araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'ny tenin'ny Isaia mpaminany hoe: "Nisy feo iray niantso mafy avy any an'efitra hoe: 'Ataovy vonona ny lalan'ny Tompo, ataovy mahitsy ny lalan-kalehany.
[5]Ny lohasaha rehetra ho totofana, ary ny tendrombohitra sy ny havoana hahetry, ary ny lalana miholaka dia amboarina hahitsy, ary ny toerana mikitoantoana dia ho atao lalana, [6]ary ny nofo rehetra dia hahita ny famonjenan'Andriamanitra.'"
[7]Koa niteny tamin'ireo vaohaka izay tonga ho ataony batisa i Jaona hoe: "Ianareo ry taranaky ny menarana! Iza no nampitandrina anareo mba handositra ny fahatezerana izay ho avy?
[8]Noho izany, mamokara voa mendrika ny fibebahana, ary aza manomboka miteny ao anatinareo hoe: 'Izahay manana an'i Abrahama ho rainay,' fa miteny anareo aho fa Andriamanitra dia afaka manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto.
[9]Ankehitriny aza ny famaky dia mipetraka eo amin'ny fototry ny hazo. Koa ny hazo rehetra izay tsy mamoa voa tsara dia voakapa ary hatsipy any amin'ny afo."
[10]Ary ireo vaohaka dia nanontany azy hatrany, niteny hoe: "Inona ary no ataonay?" [11]Namaly izy ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Raha misy olona manana akanjo lava roa, tokony mizara izany amin'ny olona iray izay tsy manana izy, ary izay manana sakafo koa dia tokony hanao toy izany."
[12]Ireo mpamory hetra koa dia tonga mba hatao batisa, ary niteny taminy hoe: "Mpampianatra o, inona no tsy maintsy ataonay?" [13]Izy niteny azy ireo hoe: "Aza manangona vola mihoatra noho izay nasaina halainareo."
[14]Miaramila maromaro koa nanontany azy, niteny hoe: "Ahoana ny momba anay? Inona no tsy maintsy ataonay?" Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Aza maka vola amin'olona an-keriny, ary aza miapanga lainga olona. Mifalia amin'ny karamanareo."
[15]Ary raha niandry fatratra ny fahatongavan'i Kristy ny vaohaka, dia nanontany tao am-pony ny mahakasikan'i Jaona ny tsirairay, na mety ho izy na tsy izy no Kristy. [16]Jaona namaly tamin'ny fitenenana azy rehetra hoe: "Raha ny amiko, dia manao batisa anareo amin'ny rano aho, fa misy olona iray ho avy izay mahery mihoatra ahy, ary tsy mendrika aho na dia hamaha ireo fehi-kapany aza. Hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo Izy.
[17]Eo an-tanany ny fikororohany mba hanadiovana tsara ny ao am-pomoloany sy hanangonana ny vary ho any amin'ny sompiny. Fa ho dorany amin'ny afo tsy mety vonoina ny akofa."
[18]Niaraka tamin'ny fananarana maro hafa ihany koa, Jaona nitory vaovao tsara ho an'ny vahoaka. [19]Heroda mpanapaka Rehefa nanarina nohon'ny fanambadiana ny vadin-drahalahiny Herodiasy, sy nohon'ny zavatra ratsy hafa rehetra izay vitany, [20]dia ho fanampin'izany rehetra izany, dia nidiny tany am-ponja Jaona.
[21]Ary, rehefa vita batisa avokoa ny olona rehetra, dia natao batisa koa Jesosy, ary raha mbola nivavaka izy, dia nisokatra ny lanitra, [22]ary ny Fanahy Masina naka endrika ka nidina teo aminy tahaka ny voromailala, ary nisy feo avy any an-danitra nanao hoe: "Ianao no Zanako, malalako. Faly Aho nohon'ny aminao."
[23]Rehefa nanomboka ny asa fanompoany Jesosy, dia teo amin'ny telo-polo taona teo Izy. Izy no zanaka lahin'i (araky ny fiheverana) Josefa, zanak'i Hely, [24]zanak'i Matata, zanak'i Levy, zanak'i Melky, zanak'i Janay, zanak'i Josefa.
[25]Josefa dia zanak'i Matitia, zanak'i Amosa, zanak'i Nahoma, zanak'i Elsy, zanak'i Nagay, zanak'i Mata, [26]zanak'i Matatia, zanak'i Semey, zanak'i Joseka, zanak'i Joda.
[27]Joda dia zanak'i Joanana, zanak'i Rase, zanak'i Zerobabela, zanak'i Sealtiela, zanak'i Nery, [28]zanak'i Melky, zanak'i Ady, zanak'i kosama, zanak'i Elmadama, zank'i Era, [29]zanak'i Josoa, zanak'i Eliezara, zanak'i Joreima, zanak'i Matata, zanak'i Levy.
[30]Levy dia zanak'i Simeona, zanak'i Joda, zanak'i Josefa, zanak'i Jonama, zanak'i Eliakima, [31]zanak'i Melea, zanak'i Mena, zanak'i Matata, zanak'i Natana, zanak'i Davida, [32]zanak'i Jese, zanak'i Obeda, zanak'i Boaza, zanak'i Salmona, zanak'i Nahasona.
[33]Nahasona dia zanak'i Aminadaba, zanak'i Adimina, zanak'i Arny, zanak'i Hezrona, zanak'i Fazera, zanak'i Joda, [34]zanak'i Jakoba, zanak'i Isaka, zanak'i Abrahama, zanak'i Tera, zanak'i Nahora, [35]zanak'i Seroga, zanak'i Reo, zanak'i Palega, zanak'i Ebera, zanak'i Sela.
[36]Sela dia zanak'i Kenana, zanak'i Arpaksada, zanak'i Sema, zanak'i Noa, zanak'i Lameka, zanak'i [37]Metosela, zanak'i Enoka, zanak'i Jareda, zanak'i Mahalalila, zanak'i Kenana, [38]zanak'i Enosa, zanak'i Seta, zanak'i Adama, zanak'Andriamanitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

4 [1]Taorian'izany Jesosy, rehefa feno ny Fanahy Masina, dia niverina avy tany amin'ny reniranon'i Jordana, ary nentin'ny
Fanahy Masina tany an'efitra [2]izay nakan'ny devoly fanahy Azy nandritry ny efapolo andro. Tsy nihinana na inona na
inona Izy nandritra ireo andro ireo, ary tamin'ny fotoana farany dia noana Izy.
[3]Ny devoly niteny taminy hoe: "Raha zanak'Andriamanitra Ianao, dia didio ho lasa mofo io vato io." [4]Jesosy namaly azy
hoe: "Voasoratra hoe: 'Tsy ny mofo ihany no iveloman'ny olona.'"
[5]Avy eo nentin'ny devoly teny amin'ny toerana avo Jesosy ary nasehony Azy vetivety avokoa ny fanjakana rehetran'izao
tontolo izao. [6]Ny devoly niteny taminy hoe: "Homeko anao ny fahefana rehetra sy ny famirapiratany rehetra, satria efa
nomena ahy ireo, ary afaka omeko ny olona izay tiako omena azy. [7]Noho izany, raha miankohoka sy manompo ahy Ianao,
dia ho lasanao izany."
[8]Kanefa Jesosy namaly ka niteny azy hoe: "Voasoratra hoe: 'Hidera ny Tompo Andriamanitrao ianao, ary Izy irery ihany
no ho tompoinao.'"
[9]Avy eo ny devoly dia nitondra an'i Jesosy tany Jerosalema ary nataony teny amin'ny fara-tampon'ny tempoly, ary niteny
taminy hoe: "Raha zanak'Andriamanitra Ianao, dia azerao avy ety ny tenenao. [10]Satria efa voasoratra hoe: 'Hibaiko ny
anjeliny ny aminao Izy, mba hiaro anao,' [11]ary, 'Izy ireo hanandratra anao amin'ny tanany, mba tsy ho tafitohan'ny vato ny
tongotrao.'"
[12]Namaly azy, Jesosy niteny hoe: "Efa nambara hoe: 'Aza maka fanahy ny Tompo Andriamanitrao.'"[13]Rehefa vita ny
fangalan'ny devoly fanahy an'i Jesosy, dia lasa izy ary nandao Azy ambara pahatongan'ny fotoana hafa.
[14]Avy eo Jesosy niverina tany Galilia tamin'ny herin'ny Fanahy, ary ny vaovao momba Azy dia efa niely nanerana ny
faritra manodidina rehetra. [15]Dia nanomboka nampianatra tao amin'ny Synagogan'izy ireo Izy ary noderain'ny rehetra.
[16]Nandeha tany Nazareta Izy, ilay tanana nahalehibe azy, ary araka ny fomba fanaony, dia niditra tao amin'ny Synagoga
tamin'ny andro Sabata Izy ka nitsangana mba hamaky teny mafy. [17]Natolotra azy ny horonan-taratasin'Isaia mpaminany.
Nosokafany ilay boky ary hitany ny toerana nanoratana azy,
[18]"Ny Fanahin'ny Tompo dia ato amiko, satria Izy nanosotra ahy hilaza ny vaovao mahafaly ho an'ny mahantra. Izy no
nandefa ahy hanambara fahafahana ho an'ireo babo, ary hamerina ny fahitana ho an'ny jamba, hanafaka ireo izay
ampahoriana, [19]hanambara ny taom-pankasitrahan'Andriamanitra."
[20]Avy eo dia naoriny ny taratasy, naveriny tany amin'ny mpitandrina, ary nipetraka Izy. Ny mason'ireo rehetra tao
amin'ny Synagoga dia nibanjina Azy. [21]Nanomboka niresaka tamin'izy ireo Izy hoe: "Androany ity Soratra Masina ity dia
tanteraka eo am-pihainoanareo." [22]Ny rehetra tao dia nilaza tsara ny momba Azy ary gaga tamin'ny tenim-pahasoavana
izay naloaky ny vavany izy ireo, ary nanontany Izy ireo hoe: "Fa tsy ilay zanak'i Josefa ve ity?"
[23]Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Azo antoka fa hilaza ity ohabolana ity amiko ianareo hoe: 'Dokotera, sitrano ny tenanao.
Na inona na inona renay fa nataonao tao Kapernaomy, dia manoava toy izany any amin'ny taninao.'" [24]Nefa niteny Izy
hoe: "Lazaiko marina aminareo, tsy misy mpaminany voaray ao amin'ny taniny.
[25]Kanefa lazaiko marina aminareo fa maro ny vehivavy mpitondra-tena tany Israely tamin'ny andron'i Elia, raha nihidy
ny lanitra nandritra ny telo taona sy enim-bolana, ary nisy mosary lehibe tonga teo amin'ny tany rehetra. [26]Nefa Elia tsy
nalefa na tamin'iray tamin'izy ireo aza, fa tao Zerapata any Sidona ihany, tany amin'ny mpitondra tena izay nipetraka
tany. [27]Fa maro ireo boka tao Israely tamin'ny andron'i Elisa mpaminany, nefa tsy nisy na dia iray tamin'izy ireo aza
sitrana afa-tsy Namàna ilay Syriana."
[28]Ny olona rehetra tao amin'ny Synagoga dia heniky ny hatezerana rehefa nandre ireo zavatra ireo. [29]Nitsangana izy ireo,
nanery Azy hiala ny tanàna, ary nandefa Azy teny an-tampon'ny havoana izay niorenan'ny tananan'izy ireo, mba
hanjerana Azy amin'ny hantsana. [30]Nefa nandeha namakivaky teo afovoan'izy ireo Izy dia lasa nandeha tany amin'ny
toeran-kafa.
[31]Avy eo Izy dia nidina tany Kapernaomy, tanàna iray any Galilia, ary nanomboka nampianatra azy ireo tamin'ny Sabata
Izy. [32]Izy ireo dia nitolagaga tamin'ny fampianarana nataony, satria niteny tamin'ny fahefana Izy.
[33]Ary tao amin'ny Synagoga dia nisy lehilahy izay nitoeran'ny fanahy maloton'ny demonia, ary izy dia nihikiaka tamin'ny
feo mafy hoe: [34]"Ah! Inona no ifandraisanay aminao, ry Jesosy avy any Nazareta? Tonga mba hamotika anay ve Ianao?
Fantatro hoe iza Ianao - ilay Iray Masin'Andriamanitra!"
[35]Jesosy niteny mafy ilay demony, ka nanao hoe: "Aza miteny ary mialà ao aminy!" Rehefa nanipy ilay lehilahy hianjera
teo afovoan'izy ireo ny demony, dia niala tao aminy, ary tsy nandratra azy akory. [36]Nitologaga avokoa ny olona rehetra,
ary nanohy nifampiresaka ny momba izany. Niteny izy ireo hoe: "Fa teny toy ny ahoana re izany?" Baikoiny amin'ny
fahefana sy hery ny fanahy maloto dia mivoaka." [37]Noho izany dia nanomboka niely nanerana ny faritra manodidina ny
lazany.
[38]Dia nandao ny synagoga Jesosy ary niditra tao an-tranon'i Simona. Ary nampijalian'ny tazo mahery ny rafozam-bavin'i
Simona, ary niangavy taminy ho azy izy ireo. [39]Ka nijoro teo anoloany Izy ary niteny mafy ny tazo, dia niala taminy izany.
Avy hatrany izy dia nitsangana ary nanomboka nanompo azy ireo.
[40]Rehefa nilentika ny masoandro, dia nitondra ny olon-drehetra nararin'ny aretina maro samihafa teo amin'ny Jesosy ny
olona. Nametra-tanana tamin'ny tsirariray avy amin'izy ireo Izy ka nanasitrana azy ireo. [41]Ireo demony ihany koa dia
niala tao amin'ny maro tamin'izy ireo, nihiakihaka mafy sy nilaza hoe: "Ianao no Zanak'Andriamanitra!" Jesosy niteny
mafy ireo demonia ka tsy namela azy ireo hiteny, satria fantatr'izy ireo fa Izy no Kristy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[42]Vao mangiran-dratsy, dia nandeha tany amin'ny toerana mangingina Izy. Vahoaka maro be no nitady Azy ary nakeny amin'ny toerana izay nisy Azy. Izy ireo dia niezaka ny nihazona Azy mba tsy hiala eo amin'izy ireo. [43]Fa Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Tsy maintsy mitory ny vaovao mahafaly momba ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny tanàna maro hafa ihany koa Aho, satria izany no antony nanirahina Ahy tety. [44]Avy eo Izy dia nanohy nitory tao amin'ireo synagoga manerana an'i Jodia.

5 [1]Ary izao no nitranga, raha nitangorona nanodidina an'i Jesosy ireo olana ary nihaino ny tenin' Andriamanitra, dia nitsangana teo amoron'ny farihin'i Genesareta Izy. [2]Nahita sambokely roa nijanona teo amoron'ny farihy Izy. Efa nivoaka tao ireo mpanjono ary nanasa ireo haratony. [3]Niditra tao amin'ny iray tamin'ireo sambokely Jesosy, izay an'i Simona, ary nangataka azy mba handefa izany eny amin'ny rano lavidavitry ny tanety. Avy eo dia nipetraka Izy ka nampianatra ireo olona teny ivelan'ny sambokely.
[4]Rehefa nitsahatra niteny Izy, dia niteny tamin'i Simona Izy hoe: "Ento ny ho any amin'ny rano lalina kokoa ny sambokely dia halatsao ny haratonareo mba ahazoanareo hazandrano." [5]Simona namaly Azy ka niteny hoe: "Tompo o, efa niasa ny alina tontolo izahay, fa tsy nahazo na inona na inona, fa nohon'ny teninao, dia ho halatsako ireo harato." [6]Rehefa nataon'izy ireo izany, dia nahangona hazandrano maro dia maro izy ireo, ary nitriatra ireo haraton'izy ireo. [7]Koa nanao fihetsika tamin'ireo namany izay tao anatin'ilay sambokely iray hafa izy ireo fa izy ireo fa tokony ho avy ary hanampy azy ireo. Dia tonga izy ireo ka nameno ny sambokely roa, ka dia nanomboka nilentika izy ireo.
[8]Fa Simona Petera, raha vao nahita izany, dia niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy, niteny hoe: "Mialà amiko, fa lehilahy mpanota aho." [9]Fa gaga izy, sy ireo izay rehetra niaraka taminy, nohon'ny haben'ny hazandrano izay azon'izy ireo. [10]Tao anatin'izany Jakoba sy Jaona, zanak'i Zebedio, izay mpiara miasa amin'i Simona. Jesosy niteny tamin'i Simona hoe: "Aza matahotra, fa manomboka izao dia hanarato olona ianao." [11]Rehefa nentin'izy ireo teny an-tanety ny sambokelin'izy ireo, dia namela ny zavatra rehetra izy ireo ka nanaraka Azy.
[12]Dia nitranga izao raha mbola tao amin'ny iray tamin'ireo tanàna Izy, dia nisy lehilahy feno habokana teo. Nony nahita an'i Jesosy izy, dia niankohoka teo Aminy ary nitalaho taminy, nanao hoe: "Tompo, raha mety ianao, dia afaka manadio ahy." [13]Ary dia naninjitra ny tanany Jesosy ary nikasika azy, niteny hoe: "Mety aho. Madiova." Teo noho eo dia afaka taminy ny habokana.
[14]Norarany izy mba tsy hilaza na amin'iza na amin'iza, fa nolazainy taminy hoe: "Zory ny lalanao, misehoa amin'ny mpisorona ary manolora sorona ho an'ny fanadiovana anao, araka izay nandidian'i Mosesy, mba ho fijoroana vavolombelona amin'izy ireo."
[15]Kanefa ny tatitra momba Azy dia niely lavitra kokoa aza, ary vaohaka maro be no niara-tonga mba hihaino Azy nampianatra ary mba ho sitrana amin'ny aretin'izy ireo. [16]Kanefa matetika Izy dia niala nankany any amin'ny tany foana ary nivavaka.
[17]Ary tamin'ny andro iray tamin'ireo andro nampianarany, dia nisy Fariseo sy mpampiana-dalàna nipetraka teo izay avy amin'ny tanàna samihafa ao amin'ny faritry Galilia sy Jodia, ary ihany koa avy ao amin'ny tanànan'i Jerosalema. Ny herin'ny Tompo no tao aminy mba hanasitranana.
[18]Ary nisy lehilahy sasany tonga, nitondra lehilahy anankiray izay voan'ny paralisisa teo amin'ny fandriana, ary izy ireo dia nitady fomba hitondrana azy ao anatiny mba hametrahana azy ho eo anoloan'i Jesosy. [19]Tsy nahita fomba hampidirana azy tao anatiny izy ireo noho ireo vahoaka, noho izany dia nankany amin'ny tampo-trano izy ireo ary nampidina ny fandrian'ilay lehilahy avy eo an-tafo trano, tamin'ny fandriany, teo afovoan'ny olona, teo anoloan'i Jesosy.
[20]Rehefa nahita ny finoan'izy ireo, dia hoy Jesosy hoe: "Ralehilahy, voavela ny helokao." [21]Nanomboka nanontany ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo, ka niteny hoe: "Iza moa ity izay miteny ratsy ity? Iza no afaka mamela ny fahotana afa-tsy Andriamanitra irery ihany?"
[22]Fa Jesosy, nahalala izay noeritreretin'izy ireo, namaly ary niteny azy ireo hoe: "Nahoana ianareo no manontany izany ao am-ponareo? [23]Inona no mora lazaina kokoa: 'Voavela ny helokao' sa ny miteny hoe: 'Mitsangana ary mandehana?' [24]Nefa mba hahafantaranareo fa ny Zanak'Olona dia manam-pahefana hamela heloka eto an-tany, dia lazaiko aminao, mitsangàna, ento ny fandrianao ary mandehana any an-tranonao."
[25]Teo noho eo dia nitsangana teo anoloan'izy ireo izy ary naka ilay fandriana izay nandriany. Avy eo dia niala nankany an-tranony izy, nanome voninahitra an'Andriamanitra. [26]Talanjona ny rehetra ary nanome voninahitra an'Andriamanitra izy ireo. Feno tahotra izy ireo, niteny hoe: "Nahita zava-mahagaga isika androany."
[27]Taorian'ny nitrangan'ireo zavatra ireo, dia niala teo i Jesosy ka nahita mpamory hetra iray izay antsoina hoe Levy nipetraka teo amin'ny trano lain'ny mpamory hetra. Niteny taminy Izy hoe: "Manaraha Ahy." [28]Dia nitsangana i Levy ka nanaraka Azy, ka namela ny zava-drehetra.
[29]Dia nanao fanasana lehibe tao an-tranony ho an'i Jesosy i Levy. Betsaka ireo mpamory hetra sy ireo olona hafa izay nipetraka teo amin'ny latabatra ary nihinana niaraka tamin'izy ireo. [30]Kanefa ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna dia nitaraina tamin'ireo mpianany, niteny hoe: "Nahoana ianao no mihinana sy misotro miaraka amin'ireo mpamory hetra sy ny olona mpanota hafa?" [31]Namaly azy ireo Jesosy hoe: "Tsy mila dokotera ny olona salama; fa ireo marary ihany. [32]Tsy tonga hiantso ny olo-marina ho amin'ny fibebahana Aho, fa hiantso ny mpanota ho amin'ny fibebahana."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[33]Dia hoy izy ireo taminy hoe: "Ireo mpianatr'i Jaona dia matetika mifady hanina sy mivavaka, ary ireo mpianatr'ireo Fariseo dia manao toy izany koa. Kanefa ny mpianatrao dia mihinana sy misotro." [34]Jesosy niteny azy ireo hoe: "Moa ve misy olona mahavita mampifady hanina ny havan'ny mpampakatra raha toa ka mbola mitoetra eo amin'izy ireo ny mpampakatra? [35]Fa ho avy ny andro izay hanesorana ny mpampakatra eo amin'izy ireo, ary amin'izany andro izany dia hifady hanina izy ireo."
[36]Dia nanao fanoharana tamin'izy ireo koa Jesosy. "Tsy misy olona mandrovitra tapa-damba avy amin'ny lamba vaovao ary mampiasa izany mba hanamboarana ny lamba tonta. Raha manao izany izy, dia hanimba ilay lamba vaovao, ary ilay tapa-damba avy amin'ilay lamba vaovao dia tsy hifanaraka amin'ilay lamba tonta.
[37]Tsy misy olona manisy divay vaovao ao anatin'ny siny hoditra tonta. Raha manao izany izy, dia hampitriatra ny hoditra ilay divay vaovao, ary dia ho raraka ny divay, ary ho simba ilay siny hoditra. [38]Fa ny divay vaovao dia tsy maintsy atao ao anatin'ny siny hoditra vaovao. [39]Tsy misy olona avy nisotro ny divay taloha ka haniry ny vaovao, fa hoy izy hoe: 'Ilay taloha no tsara.'"

6 [1]Ary tamin'ny Sabata dia nandeha nankany an-tanimbary Jesosy ary ireo mpianatra naka ny salohim-bary, nikosoka izany tamin'ny tanan'izy ireo ary nihinana ny voa. [2]Fa ny sasany tamin'ireo Fariseo kosa niteny hoe: "Nahoana ianareo no manao zavatra tsy ara-dalàna ny manao azy amin'ny andro Sabata?"
[3]Namaly azy ireo, Jesosy niteny hoe: "Mbola tsy novakianareo akory ve izay nataon'i Davida rehefa noana izy, izy sy ireo lehilahy izay niaraka taminy? [4]Nandeha nakao an-tranon'Andriamanitra izy, ary nandray ny mofon'ny fanatrehana sy nihinana ny ampahany tamin'izany, ary nomeny apahany koa ny lehilahy izay niaraka taminy mba hihinana, na dia ny mpisorona ihany aza no araka ny lalàna raha mihinana izany." [5]Avy eo Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Ny Zanak'Olona dia Tompon'ny Sabata."
[6]Ary tamin'ny Sabata hafa dia nandeha tao amin'ny synagoga Izy dia nampianatra ny vahoaka tao. Nisy lehilahy iray maty tanana havanana tao. [7]Njery akaiky Azy tsara ireo mpanora-dalana sy ireo fariseo mba hahita raha hanasitrana olona amin'ny Sabata Izy, mba afahan'izy ireo mahita antony hiampangana Azy. [8]Kanefa fantany izay tao an-tsain'ireo ary nilaza tamin'ilay lehilahy izay maty tanana Izy hoe: "Mitsangàna, ary mankanesa eto afovoan'ny olon-drehetra eto." Koa nitsangana ilay lehilahy ary nitsangana teo.
[9]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Manontany anareo aho, ara-dalàna amin'ny Sabata ve ny fanaovana ny tsara sa ny fanaovana ny ratsy, ny manavotra aina sa ny mamotika azy?" [10]Ary nijery ny manodidina azy rehetra Izy ka niteny tamin'ilay lehilahy hoe: "Ahinjiro ny tananao." Nanao izany izy, ary sitrana ny tanany. [11]Nefa feno hatezerana izy ireo ary nifampiresaka momba izay mety ho hataon'izy ireo amin'i Jesosy.
[12]Tamin'izany andro izany dia nandeha nankany an-tendrombohitra Izy mba hivavaka. Notohizany nandritra ny alina tontolo ny fivavahana tamin'Andriamanitra. [13]Rehefa tonga ny andro, niantso ny mpianany ho eo aminy Izy, ary nifidy roa ambin'ny folo tamin'ireo Izy, izay nantsoiny ihany koa hoe Apostoly.
[14]Ny anaran'ireo Apostoly ireo dia Simona (izy izay antsoina ihany koa hoe Petera) ary ny rahalahiny Andrea, Jakoba, Jaona, Filipo, Bartelemeo, [15]Matio, Tomasy, Jakoba zanaka lahin'i Alfeo, Simona izay antsoina hoe Zelota, [16]Jodasy zanak'i Jakoba, ary Jodasy Iskariota, izay tonga mpamadika.
[17]Avy eo Jesosy nidina ny tendrombohitra niaraka tamin'izy ireo dia nitsangana tamin'ny tany marina niaraka tamin'ny mpianany maro sy vahoaka maro avy any Jodia sy Jerosalema ary ny sisin-tanin'ny Tyro sy Sidona. [18]Tonga ireo mba hihaino Azy ary mba ho sitranina amin'ny aretin'izy ireo. Sitrana ihany koa ny vahoaka izay korontanin'ny fanahy maloto. [19]Ny olon-drehetra tamin'ireo vahoaka dia niezaka ny hikasika Azy hatrany satria nivoaka avy taminy ny hery manasitrana, ary sitrany avokoa izy rehetra.
[20]Dia nijery ny mpianany Izy, ary niteny hoe: "Sambatra ianareo izay mahantra, fa anareo ny fanjakan'Andriamanitra.
[21]Sambatra ianareo izay noana ankehitriny, fa ho voky ianareo. Sambatra ianareo izay mitomany ankehitriny, fa hiomehy ianareo.
[22]Sambatra ianareo rehefa mankahala anareo ny olona ary rehefa ahilik'izy ireo sy haratsian'izy ireo ianareo, nohon'ny amin'ny Zanak'Olona. [23]Mifalia amin'izany andro izany ary mibitaha an-kafaliana, satria azo antoka fa hahazo valisoa lehibe any an-danitra ianareo, fa mitovy amin'izany no nitondran'ny razan'ireo an'ireo mpaminany.
[24]Fa loza ho anareo izay manan-karena, fa efa azonareo izay mahafa-po anareo. [25]Loza ho anareo izay voky ankehitriny, fa mbola ho noana ianareo any aoriana any. Loza ho anareo izay mihomehy ankehitriny, fa hisaona sy hitomany ianareo any aoriana any.
[26]Loza ho anareo, rehefa milaza tsara momba anareo ny olona rehetra, fa mitovy amin'izany ny nataon'ny razan'izy ireo tamin'ireo mpaminany sandoka.
[27]Fa milaza aminareo izay mihaino Aho, tiavo ny fahavalonareo ary manaova ny tsara amin'izay mankahala anareo.
[28]Tahio izay manozona anareo ary mivavaha ho an'ireo izay manao tsinontsinona anareo.
[29]Raha misy mamelaka ny takolakao iray, dia omeo azy koa ny ilany. Raha misy olona maka ny lambanao, aza mihazona na dia ny akanjonao koa aza. [30]Omeo izay rehetra mangataka aminao. Raha misy olona maka ny zavatra izay anao, aza mangataka ny hamerenany izany aminao.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[31]Tahaka izay tianao hataon'ny olona aminao, dia tokony hataonao amin'izy ireo koa izany. [32]Raha izay olona tia anao ihany no tiavinao, inona no soa ho azonao amin'izany? Fa na ny mpanota aza mba tia an'izay tia azy koa. [33]Raha amin'izay olona manao soa anao ihany ianao no manao soa, inona no soa ho azonao amin'izany? Fa na ny mpanota aza dia manao toy izany. [34]Raha tsy mampindrana afa-tsy amin'izay olona handrasana fa hamerina izany aminao ihany ianao, inona no soa ho azonao amin'izany? Fa na ny mpanota aza mampindrana ny mpanota, mba hahazoana torak'izany koa.
[35]Fa tiavo ny fahavalonareo ary manaova ny tsara ho azy ireny. Mampindrama ka aza miandry valiny ary ho lehibe ny valisoanareo ary ho zanaky ny Avo Indrindra ianareo, fa Izy tenany dia tsara fanahy amin'izay tsy misaotra sy ny olona ratsy fanahy. [36]Manàna famindram-po, tahaka ny Rainareo mpamindra fo.
[37]Aza mitsara, ary tsy ho tsaraina ianareo. Aza manameloka, ary tsy ho melohina ianareo. Mamelà ny hafa, ary ho avela ianareo.
[38]Manomeza, dia omena anareo izany. Fahafoizana be _ izay atafotafo, miara-voahontsana ary mitobaka _ no hararaka eo am-pofoanao. Araka ny famaharanareo, no hamaharana anareo toy izany koa."
[39]Avy eo Izy nanao fanoharana tamin'izy ireo koa. "Moa ve ny olona jamba afaka mitarika olona jamba hafa? Raha manao izany izy, dia mety hilatsaka any an-kady izy roa, sa tsia? [40]Ny mpianatra iray dia tsy lehibe noho ny mpampianany, fa izay rehetra nahatanteraka ny fiofanana dia hitovy amin'ny mpampianany.
[41]Fa nahoana ianao no mijery ny sombin-kazo kely izay ao anatin'ny mason'ny rahalahinao, kanefa tsy mahatsikaritra ny vatan-kazo ao anaty masonao? [42]Ahoana no itenenanao ny rahalahinao hoe: 'Ry rahalahy, mamelà ahy hanala ny sombin-kazo eo amin'ny masonao eo io,' rehefa tsy hitanao akory ny vatan-kazo eo amin'ny masonao? Ry mpiatsaravelatsihy! Esory eo amin'ny masonao aloha ny vatan-kazo, avy eo dia hahita tsara ianao ka afaka hanala ny sombin-kazo eo amin'ny mason'ny rahalahinao.
[43]Fa tsy misy hazo tsara hamokatra voankazo lo, na hoe hazo lo hamokatra voankazo tsara. [44]Fa ny hazo tsirairay dia fantatra amin'ny karazam-boankazo izay vokariny. Fa tsy afaka ny hioty aviavy amin'ny tsilo ny olona, na haka voaloboka amin'ny hazona voaroy.
[45]Ny olona tsara mamokatra izay tsara avy amin'ny harena soan'ny fony, ary ny olona ratsy mamokatra izay ratsy avy amin'ny haren-dratsin'ny fony. Fa izay aloaky ny fony no tenenin'ny vavany.
[46]Fa maninona ianareo no miantso Ahy hoe: 'Tompo, Tompo,' kanefa ianareo tsy mankatoa izay zavatra teneniko? [47]Ny olona rehetra manatona Ahy sy mandre ny teniko ary mankatoa izany, dia ho lazaiko anareo hoe toy ny inona izy.
[48]Tahaka ny olona izay nanangana trano izy, izay nandavaka lalina teo amin'ny tany ary nanorina ny fototry ny trano teo ambony vatolampy. Rehefa tonga ny tondra-drano, dia nandriaka nanohitra izany trano izany ny rano be, fa tsy nampiontsona azy, satria tsara orina ilay izy.
[49]Ary izay olona mandre ny teniko nefa tsy mankatoa izany, dia mitovy amin'ny olona izay nanorina trano teo ambonin'ny tany ka tsy nanisy fototra. Rehefa nandriaka namely io trano io ny rano be, dia nianjera avy hatrany izany, ary rava tanteraka izany trano izany."

7 [1]Rehefa nahavita niteny ny zavatra rehetra teo anatrehan'ny vahoaka Jesosy, dia niditra tao Kapernaomy Izy.
[2]Ary nisy kapiteny iray nanana mpanompo izay tena najainy, ary narary sy efa akaiky ho faty izy. [3]Rehefa nandre ny momban'i Jesosy ilay kapiteny, dia naniraka loholon'ny Jiosy ho any Aminy izy, hangataka Azy mba ho avy ary hanasitrana ny mpanompony. [4]Ary rehefa tonga teo amin'i Jesosy izy ireo, dia nangataka mafy taminy, niteny hoe: "Mendrika ny hanaovanao izany ho azy izy, [5]satria tiany ny firenenay, ary izy ilay nanamboatra ny Synagoga ho anay."
[6]Koa dia nanohy ny lalany niaraka tamin'izy ireo Jesosy. Fa raha mbola tsy lavitra ny trano Izy, dia nandefa namana ilay kapiteny niteny taminy hoe: "Tompo o, aza manahira-tena Ianao, satria tsy mendrika hidiranao ao ambanin'ny tafon-tranoko aho. [7]Noho izany dia tsy nihevitra ny tenako ho mendrika hankeo aminao aho, fa mitenena teny iray ihany dia ho sitrana ny mpanompoko. [8]Koa satria izao koa dia lehilahy izay ambany fahefana, manana miaramila ao ambaniko koa. Hoy aho amin'ity iray ity hoe: 'Mandehana,' dia mandeha izy, ary amin'ny iray hafa: 'Avia,' dia tamy izy, ary amin'ny mpanompoko hoe: 'Ataovy ity,' ary dia ataony izany."
[9]Rehefa nandre izany Jesosy, dia talanjona taminy Izy, ary nitodika tamin'ireo vahoaka izay nanaraka Azy dia nanao hoe: "Lazaiko aminareo, fa na dia tany Israely aza tsy nahitako finoana toy izao." [10]Rehefa niverina tany an-trano ireo izay nirahana, dia nahita fa salama tsara ilay mpanompo.
[11]Taoriana kelin'izany, dia nandeha tany amin'ny tanàna atao hoe Naina i Jesosy, ary niaraka taminy ireo mpianany sy ireo vahoaka maro be. [12]Raha nanakaiky ny vavahadin'ny tanàna Izy, indro, nisy lehilahy iray efa maty nentina nivoaka, zanaka lahy tokan'ny reniny (izay mpitondratena), ary vahoaka maro be avy ao amin'ny tanàna no niaraka taminy.
[13]Nony nahita azy ny Tompo, dia honena tanteraka azy ka nanao taminy hoe: "Aza mitomany." [14]Avy eo dia niakatra Izy ary nikasika an'ilay vata izay nitondran'izy ireo ilay razana, ary nijanona ireo nitondra izany. Hoy Izy hoe: "Ry tovolahy, hoy Aho aminao, miarena." [15]Dia niarina ilay maty ka nanomboka niteny, ary Jesosy nanolotra azy teo amin'ny reniny.
[16]Nandresy azy rehetra ny tahotra, ka nanohy nidera an'Andriamanatra hatrany izy ireo, niteny hoe: "Mpaminany lehibe no natsangana eto amintsika" ary "Andriamanitra nitsinjo ny olony." [17]Ity vaovao momban'i Jesosy ity dia niely nanerana an'i Jodia sy ireo faritra manodidina rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[18]Ireo mpianatr'i Jaona niteny taminy ny momba ireo zavatra ireo. [19]Dia niantso anankiroa tamin'ireo mpianany Jaona ka naniraka azy ireo ho any amin'ny Tompo mba hiteny hoe: "Ianao ve ilay ho avy, sa tokony mbola hijery hafa izahay?"
[20]Ary rehefa nanatona akaiky an'i Jesosy izy ireo, dia hoy ireo lehilahy hoe: "Jaona mpanao batisa no naniraka anay aty aminao hanontany hoe: 'Ianao ve ilay ho avy, sa tokony mbola hijery hafa izahay?'"
[21]Ary tamin'izany ora izany dia nahasitrana olona maro tamin'ny aretina sy fahoriana ary fanaintainana avy amin'ireo fanahy ratsy Izy, ary olona jamba maro no napahiratiny. [22]Jesosy namaly ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Rehefa avy nandeha tamin'ny lalanareo ianareo, tatero amin'i Jaona izay hitanareo sy renareo. Nahiratra ny jamba, nandeha ny malemy, ireo nadio ny boka, nandre ny marenina, nitsangan-ko velona ny maty, ary nitoriana ny filazantsara ny olona anatin'ny tsy fahmapiana. [23]Sambatra ny olona izay tsy mitsahatra ny mino Ahy nohon'ny ataoko."
[24]Ary nony lasa ireo irak'iJaona, dia nanomboka niteny tamin'ny vahoaka Jesosy ny momban'i Jaona hoe: "Hijery inona no nivoahanareo tany an'efitra? Volotara nahozongozon'ny rivotra ve? [25]Fa hijery inona no nivohanareo tany? Lehilahy miakanjo soa ve? Jereo, ireo izay mitafy akanjo lafo vidy sy ireo miaina ao amin'ny fiainana soa dia ao amin'ny lapan'ny mpanjaka. [26]Fa hijery inona no nivohanareo tany? Mpaminany ve? Eny, hoy Aho aminareo, ary mihoatra lavitra noho ny mpaminany.
[27]Izy no ilay voasoratra hoe: 'Indro, alefako mialoha anao ny mpitondra hafatro, izay hanomana ny lalanao mialoha anao.'
[28]Lazaiko aminareo, fa aminareo izay natera-behivavy dia tsy misy lehibe noho Jaona. Nefa ilay kely indrindra ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra dia lehibe noho izy."
[29](Rehefa naheno izany ny olona rehetra, anisan'izany ireo mpamory hetra, dia nanambara fa marina Andriamanitra, satria natao batisa tamin'ny batisan'i Jaona izy ireo. [30]Fa ireo Fariseo sy ireo mpahay lalàna Jiosy kosa nandà ny tanjon' Andriamanitra ho an'ny tenan'izy ireo, satria tsy nataon'i Jaona batisa.)
[31]"Amin'ny ionana, ary, no afahako mampitaha ny olona amin'ity taranaka ity? Tahaka ny inona moa izy ireo? [32]Tahaka ny ankizy milalao eny an-tsena izy ireo, izay mipetraka sy mifampiantso ary miteny hoe: 'Nitsoka sodina ho anareo izahay, dia tsy nandihy ianareo. Nanao hira fisaonana ho anareo izahay, dia tsy nitomany ianareo.'
[33]Fa Jaona mpanao Batisa tonga tsy nihinana mofo ary tsy nisotro divay, dia hoy ianareo hoe: 'Misy demonia izy.' [34]Ny Zanak'Olona tonga nihinana sy nisotro, dia hoy ianareo hoe: 'Jereo, fa tenda-kanina sy mpisotro Izy, naman'ireo mpamory hetra sy mpanota!" [35]Fa ny fahendrena dia voamarina amin'ny zanany rehetra."
[36]Ary ny iray tamin'ireo Fariseo nanasa an'i Jesosy hisakafo miaraka taminy. Koa rehefa avy niditra tao an-tranon'ilay Fariseo Jesosy, dia nipetraka hihinana teo amin'ny latabatra. [37]Indro, nisy vehivavy tao an-tanàna izay mpanota. Ary rehefa nahatsikaritra izy fa nipetraka teo amin'ny latabatra tao an-tranon'ilay Fariseo Izy, dia nitondra tavoara alabastara feno menaka manitra izy. [38]Ary raha nitsangana taoriany teo akaikin'ny tongony izy, dia nitomany, ka nanomboka nandena ny tongony tamin'ny ranomasony, ka dia nofafany tamin'ny volon-dohany ireo sady nanoroka ny tongony ary nanosotra ireo tamin'ny menaka manitra.
[39]Rehefa nahita izany ilay Fariseo nanasa an'i Jesosy, dia nieritreritra, niteny hoe: "Raha mpaminany ito lehilahy ito, dia tokony ho fantany hoe karazana vehivavy manao ahoana io mikitika Azy io, fa mpanota io." [40]Jesosy namaly ka niteny taminy hoe: "Simona, misy zavatra ho teneniko aminao." Hoy izy hoe: "Lazao izany, Mpampiantra o!"
[41]Jesosy niteny hoe: "Nisy mpampindra-bola nanana mpitrosa roa lahy. Ny iray dia tokony andoa diman-jato denaria, ny iray dimam-polo. [42]Rehefa tsy afaka nanefa izany taminy izy ireo, dia samy navelany izy roa lahy. Noho izany, iza amin'izy roa lahy no ho tia Azy kokoa?" [43]Simona namaly Azy ka niteny hoe: "Heveriko fa ilay namoizany be." Dia hoy Jesosy taminy hoe: "Marina ny fitsaranao."
[44]Ary Jesosy nitodika tany amin'ilay vehivavy ka niteny tamin'i Simona hoe: "Hitanao io vehivevy io. Niditra tato an-tranonao Aho. Tsy nanome rano hanasana ny tongotro ianao, fa izy nahakotsa ireo tongotro tamin'ny ranomasony ary namafa azy ireo tamin'ny volon-dohany. [45]Tsy nanoroka Ahy ianao, fa hatr'izay nidirako tato dia tsy nitsahatra nanoroka ny tongotro izy.
[46]Tsy nosoranao diloilo ny lohako, fa izy nanosotra ny tongotro tamin'ny menaka manitra. [47]Noho izany dia milaza aminao Aho fa, ireo fahotany, izay maro, dia voavela _ satria izy be fitiavana. Fa izay navela kely, dia tia kely."
[48]Dia hoy Izy taminy hoe: "Voavela ireo fahotanao." [49]Ireo niara-nipetraka nihinana teo dia nanomboka nifampiresaka teo amin'izy ireo hoe: "Iza moa Ity no dia mamela ireo heloka?" [50]Avy eo hoy Jesosy tamin-dravehivavy hoe: "Ny finoanao no nahavonjy anao. Mandehana am-piadanana."

8 [1]Ary taoriana kelin'izany dia nanomboka nandeha nitety tanàna sy vohitra samihafa Jesosy, nitory sy nanambara ny filazantsara mahakasika ny fanjakan'Andriamanitra. Niaraka taminy ireo roa ambin'ny folo lahy, [2]tahaka ireo vehivavy sasany izay sitrana tamin'ny fanahy ratsy sy ny aretina: Maria izay nantsoina hoe Magdalena, izay efa namoahana demonia fito; [3]Johana, vadin'i Koza, izay mpitan-draharahan'i Heroda, ary Sosana; sy ireo maro hafa koa, izay, tamin'ny fananan'izy ireo, dia nanome izay nilain'izy ireo.
[4]Raha mbola nisy vahoaka maro nihangona, dia tamy nanatona Azy ireo olona avy tamin'ny isan-tanàna, Dia nanao fanoharana izy hoe: [5]"Nisy mpamboly nivoaka mba hamafy ny voany. Raha izy namafy iny, dia voafafy teny amoron-dalana ny sasany ary dia voahitsakitsaka izany, ary lanin'ny voron'ny lanitra.[6]Ny sasany kosa voafafy teny amin'ny vatolampy, ka raha vao nitsimoka, dia nalazo izany, satria tsy nisy hamandoana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Ary ny sasany dia voafafy teo amin'ny tsilo, ary ny tsilo niara-naniry tamin'ny voa ka nangeja izany. [8]Ny sasany voafafy teny amin'ny tany lonaka ka namoa vokatra izay tsara lavitra avo zato heny." Taorian'i Jesosy niteny ireo zavatra ireo, dia niantso mafy Izy hoe: "Izay manan-tsofina hihainoana, aoka izy hihaino."
[9]Nanontany Azy ireo mpianany ny amin'ny tian'izany fanoharana izany hambara. [10]Hoy Izy hoe: "Ny fahalalana ny zava-miafin'ny fanjakan'Andriamanitra dia nomena anareo, fa ho an'ny hafa dia miresaka amin'ny fanoharana Aho, mba tsy ahita izy ireo na dia mahita aza, ary tsy hahalala na dia mandre aza."
[11]Ary izao no dikan'ilay fanoharana: ny voa dia ny tenin'Andriamanitra. [12]Ireo voafafy teny amin'ny sisin-dalana dia ireo izay mandre, saingy avy eo dia tonga ny devoly ka maka ilay teny tao am-pony, mba tsy hino sy ho voavonjy izy ireo. [13]Ary ireo teo amin'ny vatolampy kosa dia ireo izay, rehefa mandre ny teny, dia mandray izany amin-kafaliana. Nefa tsy misy fakany ireo; vetivety foana ny finoan'izy ireo, ary amin'ny fotoana fitsapana dia lavo izy ireo.
[14]Ireo voa voafafy teo amin'ny tsilo dia ireo olona mandre ny teny, fa rehefa mandeha amin'ny lalany izy ireo, dia voagejan'ny fiahiana sy ny harena ary ny fahafinaretan'izao fiainana izao, ka tsy matoy ny voany. [15]Fa ny voa voafafy tamin'ny tany tsara, dia ireo no, mandre ny teny tamin'ny fo marina sy tsara, ary izy ireo mihazona azy tsara ary namokatra am-paharetana.
[16]Ary, tsy misy olona, rehefa nandrehitra jiro, dia manarona azy amin'ny sarony na mametraka izany ao ambany fandriana. Fa kosa, mametraka azy eo amin'ny fanaovan-jiro, mba ho hitan'ny olona rehetra izay miditra ny hazavana.
[17]Satria tsy misy takona izay tsy ho ampahafantarina, na zavatra miafina izay tsy ho fantatra ary hiseho eo amin'ny hazavana. [18]Koa mihainoa tsara, izay manana, dia mbola homena bebe kokoa, fa ho an'izay tsy manana kosa, na izay heveriny hanany aza dia ho esorina aminy."
[19]Avy eo ny reniny sy ny rahalahiny nanatona Azy, nefa tsy afaka nanankaiky Azy nohon'ny vahoaka. [20]Nisy nilaza taminy hoe: "Ny reninao sy ny rahalahinao dia mijoro ao ivelany, te hahita anao." [21]Fa Jesosy namaly sy niteny tamin'izy ireo hoe: "Ny reniko sy ny rahalahiko dia ireo izay mandre ny tenin'Andriamanitra sy manao izany."
[22]Ary indray andro dia nandeha an-tsambo kely Izy niaraka tamin'ireo mpianany, ary Izy nilaza tamin'izy ireo hoe: "Andeha isika ho eny ampitan'ny farihy." Dia lasa izy ireo. [23]Fa raha nandeha iny izy ireo dia resi-tory Jesosy. Ary nisy tafio-drivotra tonga teo amin'ny farihy, ka feno rano ny sambo kely, ary notandindonin-doza izy ireo.
[24]Avy eo nankeo aminy ka namoha Azy ireo mpianatr'i Jesosy, nanao hoe: "Tompo o! Tompo o! Ho faty isika!" Ary nifoha Izy ka niteny mafy ny rivotra sy ny rano manonja, ary nitsahatra ireo, ka nisy fitoniana teo. [25]Ary niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Aiza ny finoanareo?" ary natahotra mafy izy ireo. Ary natahotra no sady gaga ihany koa izy ireo, ary nifampanontany hoe: "Iza moa ilay io, no mandidy na ny rivotra sy ny rano aza, ary manaiky Azy ireo?"
[26]Izy ireo dia nihazo ny faritr'i Gerasena, izay tandrifin'ny farihin'i Galilea. [27]Ary rehefa niakatra hankeny an-tanety Jesosy, dia nifanena tamin'ny lehilahy iray avy tao an-tanàna izay nisy demonia. Ary efa ela izy no tsy niakanjo, ary tsy nipetraka tao an-trano fa teny amin'ny fasana.
[28]Rehefa nahita an'i Jesosy izy, dia nihiaka mafy sy niankohoka teo anoloany ka niteny tamin'ny feo mafy hoe: "Inona no iraisanao amiko, ry Jesosy, zanak'Andriamanitra Avo indrindra o? Miangavy Anao aho, aza mampijaly ahy." [29]Fa Jesosy nandidy ny fanahy maloto hiala tao amin'ilay lehilahy. Fa efa nandritry ny fotoana maro no nangeja azy izany, ka na dia nofatorana tamin'ny rojo sy gadra vy ary nambenana aza izy, dia nopotehiny ireo rojony ary nentin'ny demonia tany an'efitra izy.
[30]Jesosy nanontany azy hoe: "Iza no anaranao? Ary hoy izy hoe: "Legiona," fa maro ny demonia izay efa nidira tao aminy.
[31]Izy ireo niangavy Azy hatrany mba tsy handefa azy ho any amin'ny lavaka tsy hita noanoa.
[32]Ary nisy andian-kisoa maro nisakafo teo akaikin'ny havoana. Ka niangavyAzy ilay demonia mba hamela azy ireo ho ao amin'ireo, ka namela azy Izy. [33]Koa nivoaka tao amin'ilay lehilahy ireo demonia ary nifindra tao amin'ireo kisoa, ary nitratrevatreva tany amin'ny hantsana nankao amin'ny farihy ireo andian- kisoa ka maty.
[34]Ary nohon'ny nahita ny zavatra nitranga ireo mpiambina ny kisoa, dia nihazakazaka ka nilaza izany tao an-tanàna sy tany an-tsaha. [35]Noho izany dia nivoaka ny mponina tao an-tanàna mba hijery ny zavatra nitranga, ary nanatona an'i jesosy izy ireo ka nahita ilay lehilahy izay nivoahan'ny demonia. Ary izy nipetraka teo an-tongotr'i Jesosy, nitafy ary vory saina; ary raiki-tahotra izy ireo.
[36]Avy eo ireo izay nahita izany nilaza azy ireo ny fomba nahasitrana ilay lehilahy nanjakan'ny demonia. [37]Ary ny vahoaka rehetra teo amin'ny faritanin'i Gerasena dia nangataka an'i Jesosy mba hiala eo amin'izy ireo, satria heniky ny tahotra mafy izy ireo. Noho izany dia nandeha an-tsambo kely Izy mba afahan'izy ireo miverina.
[38]Ilay lehilahy nivoahan'ny demonia dia niangavy taminy mba hamela azy handeha hiaraka aminy, fa Jesosy nandefa azy, niteny hoe: [39]"Miverena any an-tranonao ka manomeza tatitra feno momba izay nataon'Andriamanitra taminao." Ary ilay lehilahy nandeha tamin'ny lalany, dia nanambara manerana ny tanàna rehetra izay nataon'i Jesosy taminy.
[40]Ary rehefa niverina Jesosy, dia nandray azy ny vahoaka, fa izy ireo dia efa niandry Azy. [41]Indro, nisy lehilahy iray atao hoe Jairo, izay iray tamin'ireo mpitarika tao amin'ny Synagoga, nanatona sy niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy, ka niangavy azy mba ho any an-tranony, [42]satria ny zanany vavy tokana, izay zazavavy teo amin'ny roa ambin'ny folo taona teo ho eo, dia eo ambavahoanan'ny fahafatesana. Raha nandeha tamin'ny lalany Jesosy, dia niara-nifaneritery nanodidina Azy ny vahoaka maro be.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[43]Ary nisy vehivavy iray teo izay efa nadeha rà nandritry ny roa ambin'ny folo taona ary efa nandany ny volany rehetra,
[a]ary tsy nisy nahasitrana azy na iza na iza. [44]Ary izy dia nankeo aorian'i Jesosy ka nikasika ny rambon-dambany, dia nitsahatra avy hatrany ny ràny.
[45]Jesosy niteny hoe: "Iza ilay nikasika Ahy teo?" Rehefa nandà ny rehetra, dia hoy Petera hoe: "Tompo, manodidina Anao avokoa ny vahoaka rehetra ary manery Anao." [46]Fa Jesosy niteny hoe: "Nisy nikasika Aho, satria fantatro fa nisy hery niala avy tato amiko."
[47]Rehefa hitan'ilay vehivavy fa tsy takona izy, dia nangovitra izy ary niankohoka teo Aminy. Nambarany teo imason'ny olona ny antony nikasihany Azy, sy ny fomba nahasitrana azy avy hatrany. [48]Ary Izy niteny taminy hoe: "Ry zanaka vavy, ny finoanao no nahasitrana anao. Mandehana am-piadanana."
[49]Avy eo raha mbola niteny izy, dia nisy olona iray avy amin'ny tranon'ny mpitarika synagoga, nanao hoe: "Maty ny zanakao vavy. Aza manahirana ny mpampianatra intsony." [50]Fa rehefa nandre izany Jesosy, dia namaly an'i Jairo Izy hoe: "Aza matahotra; minoa fotsiny ihany, dia ho sitrana izy."
[51]Rehefa nankao an-trano Izy, dia tsy namela na dia olona iray aza hiara-hiditra aminy ankoatran'i Petera sy Jaona sy Jakoba, sy ny rain'ilay zaza ary ny reniny. [52]Ary ny rehetra dia nisaona sy nitomany azy, [53]Fa Izy niteny hoe: "Aza mitomany; tsy maty izy fa matory." Dia nihomehy Azy izy ireo, satria fantatra fa maty ilay zaza vavy.
[54]Fa noraisiny tamin'ny tanana izy ka niantso mafy, niteny hoe: "Anaka, mitsangàna!" [55]Ary niverina ny fanahiny, ka niharina avy hatrany izy. Ary nibaiko azy ireo Izy mba hanome hanina ho azy. [56]Ary gaga ny Ray aman-dreniny, fa Izy kosa nandrara azy ireo mba tsy hilaza na amin'iza na iza ny zavatra izay nitranga.

---

[a]Fanamarihana: Ireo manam-pahaizana dia mizarazara hevitra raha tokony ampidirina eto ny fehezanteny hoe: "Nandany ny volany rehetra (izy)

---

9 [1]Niantso ireo roa ambin'ny folo lahy Izy ary nanome azy ireo ny hery sy fahefana amin'ireo demonia rehetra ary hanasitrana ireo aretina. [2]Nalefany izy ireo hitory ny fanjakanan'Andriamanitra sy hanasitrana ny marary.
[3]Hoy Izy tamin'izy ireo Izy hoe: "Aza mitondra na inona na inona amin'ny dianareo _ tsy misy tehina, tsy misy kitapom-batsy, tsy misy mofo, tsy misy vola, ary tsy misy akanjo fanampiny. [4]Izay trano idiranareo, dia mijanona ao mandra-pialanareo.
[5]Na aiza na aiza tsy handraisan'izy ireo anareo, rehefa mandao izany tanàna izany ianareo, dia ahintsano hiala amin'ny tongotrareo ny vovoka mba ho fijoroana vavolombelona anoherana azy ireo." [6]Avy eo dia lasa izy ireo ary namakivaky ireo tanàna, nitory ny filazantsara sy nanasitrana teny rehetra teny.
[7]Ary henon'i Eroda mpanapaka avokoa ireo izay nitranga rehetra, ary dia very hevitra izy, satria voalazan'ny sasany fa Jaona mpanao batisa dia nitsangana tamin'ny maty, [8]ary voalaza fa niseho Elia, ary ny sasany kosa milaza fa iray tamin'ireo mpaminany fahiny no nitsangana tamin'ny maty. [9]Hoy Eroda hoe: "Izaho no nanapa-doha an'i Jaona, koa iza indray izany olona andrenesako zavatra tahaka izany?" Ary niezaka ny ahita Azy izy.
[10]Rehefa niverina ireo apostoly, dia nitantara taminy ireo zavatra rehetra vitan'izy ireo. Avy eo nentiny niaraka taminy izy ireo, ary nandeha nitokana ho amin'ny tanàna antsoina hoe Betsaida. [11]Fa vao nandre ny momba izany ireo vahoaka, dia nanaraka Azy. Dia noraisiny izy ireo ary nambarany azy ireo ny momban'ny fanjakan'Andriamanitra, ary nanasitrana ireo izay nila fanasitranana Izy.
[12]Ary rehefa ho ariva ny andro, dia nanatona Azy ireo roa ambin'ny folo ka niteny hoe: "Alefaso andeha ireo vahoaka mba afahan'izy ireo mandeha any amin'ireo tanàna manodidina sy ambanivohitra mba hahita fatoriana sy sakafo, satria aty amin'ny tany foana isika." [13]Fa hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Omenareo zavatra ho hanina izy ireo." Ary niteny ireo hoe: "Tsy manana mihoatra noho ny mofo dimy sy hazandrano roa izahay _ raha tsy hoe mandeha izahay ary mividy sakafo ho an'ireo olona rehetra ireo." [14](Teo dia nisy teo amin'ny lehilahy dimy arivo teo ho eo). Ary nilaza tamin'ireo mpianany Izy hoe: "Apetraho ho vondrona dimampolo isan'isany izy ireo."
[15]Koa dia nanao izany izy ireo, ary nampipetraka ireo vahoaka. [16]Nandray ireo mofo dimy sy hazandrano roa, dia niandrandra ny lanitra Izy, nisaotra ireo ary nozarazarainy, ka dia nomeny ireo mpianatra izany mba ho tolorana ireo vahoaka. [17]Nihinana izy rehetra ka afa-po, ary nangonina ireo sisa tsy lany _ ka nisy potipotiny roa ambin'ny folo harona.
[18]Ary rehefa nivavaka manokana Jesosy, dia niaraka taminy ireo mpianatra. Dia nanontany azy ireo Izy, nanao hoe: "Ataon'ireo vahoaka ho iza moa aho?" [19]Namaly izy ireo hoe: "Jaona mpanao batisa. Fa ireo sasany nilaza hoe Elia, ary ireo sasany milaza fa nitsangana tamin'ny maty ny iray tamin'ireo mpaminany fahiny."
[20]Ary niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Fa ataonao ho iza moa Aho?" Namaly Petera hoe: "Ilay Kristin'Andriamanitra." [21]Fa nararàny mafy izy ireo tsy hilaza izany na amin'iza na iza, [22]nanao hoe: "Ny Zanak'Olona dia tsy maintsy hijaly amin'ny zavatra maro ary ho lavin'ireo loholona sy lohan'ny mpisorona ary ireo mpanora-dalàna, ho vonoina Izy ary amin'ny andro fahatelo dia hatsangana."
[23]Ary hoy Izy tamin'izy rehetra hoe: "Raha misy te hanaraka ahy, dia tsy maintsy mandà ny tenany izy ary mitondra ny hazofijaliany isan'andro ary manaraka Ahy. [24]Na iza na iza te hanavotra ny ainy dia hanary izany, fa na iza na iza manary ny ainy noho ny fitiavana Ahy dia hanavotra izany. [25]Inona no tsara azon'ny olona amin'ny fananana izao tontolo izao, kanefa manary na mamotika ny ainy?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Fa na iza na iza menatra ny amiko sy ireo teniko, dia ho menatra azy koa ny Zanak'Olona rehefa tonga amin'ny voninahiny, sy ny voninahitry ny Ray sy ireo anjely masina Izy. [27]Fa lazaiko marina aminareo, fa ny sasany amin'ireo izay mitsangana eto dia tsy hahita fahafatesana mialohan'ny ahitany ny fanjakan' Andriamanitra."
[28]Ary valo andro teo ho eo taorian'ny nilazan'i Jesosy ireo teny ireo, dia nentiny niaraka taminy Petera sy Jaona ary Jakoba ka niakatra ny tendrombohitra hivavaka. [29]Raha nivavaka iny Izy, dia niova ny endriky ny tarehiny, ary nivadika fotsy manjelanjelatra ny akanjony.
[30]Indro, nisy roa lahy niresaka taminy, Mosesy sy Elisa, [31]izay niseho tamim-boninahitra mamirapiratra. Niresaka momba ny fialàny Izy, izay ho entiny ho ho tanterahina any Jerosalema.
[32]Ary Petera sy ireo izay niaraka taminy dia navesatrin'ny torimaso, fa rehefa tena taitra tanteraka izy ireo, dia nahita ny voninahiny sy ireo lehilahy roa izay nitsangana niaraka taminy. [33]Ary rehefa niala nanalavitra an'i Jesosy izy ireo, dia hoy Petera taminy hoe: "Tompo, tsara amintsika ny mijanona eto. Avelao izahay hanamboatra fialofana telo, iray ho Anao, iray ho an'i Mosesy, ary iray ho an'i Elia." (Tsy fantany izay nolazainy.)
[34]Teo am-pitenenany izany izy, dia nisy rahona tonga nanarona azy ireo, ka dia natahoatra izy ireo rehefa niditra tao amin'ilay rahona. [35]Nisy feo nivoaka avy tany amin'ilay rahona, nanao hoe: "Inty no Zanaka Lahiko, ilay Iray izay voafidy; henoy Izy." [36]Rehefa niteny ilay feo, dia Jesosy irery no hita teo. Nitazona ny fahanginany izy ireo ary tsy niteny tamin'iza na iza tamin'izany andro izany ny momba izay rehetra hitan'izy ireo.
[37]Ary ny andro manaraka an'io, rehefa nidina avy any an-tendrombohitra izy ireo, dia vahoaka maro nifanena taminy. [38]Indro, nisy lehilahy iray avy tao amin'ny vahoaka no nihiaka mafy, nanao hoe: "Ry mpampianatra o, mitalaho aminao aho mba hijery ity zanako lahy ity, fa zanako tokana izy. [39]Hitanao, misy fanahy mibaiko azy dia mihiaka tampoka izy; mampifanintona azy izany ka mampamoaka roatra ny vavany. Tsy miala aminy izany ary mahatorovana tanteraka azy. [40]Nitalaho tamin'ireo mpianatrao aho mba hanala izany, fa tsy afak'izy ireo."
[41]Namaly Jesosy ka nanao hoe: "Ianareo tsy mpino sy taranaka ratsy fitondran-tena, hafiriana no tsy maintsy hitoerako miaraka aminareo sy hiaretako miaraka aminareo? Ento ety ny zanakao lahy." [42]Rehefa nanatona ilay zaza lahy, dia natsipin'ny demonia tamin'ny tany izy ary nampihinjitsinjitra azy. Fa Jesosy niteny mafy ilay fanahy maloto ary nanasitrana ilay zaza lahy, ary namerina azy tany amin'ny rainy.
[43]Ary avy eo dia talanjona avokoa izy rehetra nahita ny halehiben'Andriamanitra. Raha gaga tamin'ny zava-drehetra nataony iny izy ireo, dia hoy Izy tamin'ny mpianany hoe: [44]"Avelao ireto teny ireto ho tonga lalina ao an-tsofinareo: ny Zanak'Olona dia ho vadihana ho eo an-tanan'olona." [45]Fa tsy azon'izy ireo izany fanambarana izany. Izany dia nafenina tamin'izy ireo, noho izany dia tsy azon'izy ireo ny dikan'izany, ary mbola natahotra izy ireo ny hanontany ny momba izany fanambarana izany.
[46]Ary avy eo dia nisy fifandirana nanomboka teo amin'izy ireo ny amin'izay ho lehibe indrindra amin'izy ireo. [47]Fa Jesosy, nahafantatra ny fihevitra tany am-pon'izy ireo, dia naka zazakely iray ka napetrany teo anilany [48]ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Fa na iza mandray ity zaza ity amin'ny anarako, dia mandray Ahy; ary na iza na iza mandray Ahy, dia mandray ilay Iray izay naniraka Ahy. Fa izay kely indrindra aminareo rehetra no lehibe."
[49]Jaona namaly hoe: "Tompo o, nahita olona iray izahay nanala demonia tamin'ny anaranao dia nosakananay izy, satria izy tsy manara-dia miaraka aminay." [50]"Aza raràna izy," hoy Jesosy, "satria izay tsy manohitra anareo dia momba anareo."
[51]Rehefa nanakaiky ny andro ampiakarana Azy, dia niatrika ho any Jerosalema Izy. [52]Nandefa mpitondra hafatra Izy hialoha Azy, ary nandeha izy ireo ka niditra tao amin'ny tanàna Samaritana iray mba hanomana ny zavatra rehetra ho Azy. [53]Fa ny vahoaka tao tsy nandray Azy, satria nitodika ho any Jerosalema Izy.
[54]Rehefa nahita izany Jakoba sy Jaona mpianatra, dia hoy izy ireo hoe: "Tompoko, tianao ve izahay raha handefa afo milatsaka avy any an-danitra mba hamotika azy ireo?" [55]Fa nitodika Izy ary niteny mafy tamin'izy ireo, [56]ary lasa tany amin'ny tanàna hafa izy ireo.
[57]Ary rehefa nandeha teny an-dalana izy ireo, dia nisy olona iray nanao taminy hoe: "Hanaraka Anao aho na aiza na aiza alehanao." [58]Jesosy niteny taminy hoe: "Ny amboahaolo manan-davaka, ary ireo vorona eny an-danitra dia manana ny akaniny, fa ny Zanak'Olona tsy manana toerana asiana ny lohany."
[59]Ary hoy Izy tamin'ny hafa hoe: "Manaraha Ahy." Fa hoy izy hoe: "Tompoko, avelao aho aloha handeha handevina ny raiko." [60]Fa hoy Izy taminy hoe: "Avelao ny maty handevina ny maty ao aminy. Fa ho anao, mandehana ka mitoria any lavitra any ary hitaro ny fanjakan'Andriamanitra."
[61]Ary nisy olona hafa nanao hoe: "Hanaraka Anao aho, Tompo, fa avelao aho aloha hanao veloma ireo any an-tranoko."
[62]Jesosy namaly azy hoe: "Tsy misy olona mitàna angady ary miherika ka mendrika ho ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra."

10 [1]Ary taorian'ireny zavatra ireny, dia nifidy fitopolo lahy [1]hafa ny Tompo, ary nandefa azy ireny tsiroaroa nialoha Azy tany amin'ny tanàna rehetra sy toerana izay efa halehany. [2]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Be ny vokatra, fa vitsy ny mpiasa. Noho izany hangataho ny Tompon'ny vokatra mba handefa mpiasa mba ho eny amin'ny vokatra.
[3]Mandehana amin'ny lalanareo. Jereo, alefako tahaka ny zanak'ondry eo afovoan'ny ambodia ianareo. [4]Aza mitondra fitoeram-bola, na fitoeran'entana, na kapa, ary aza miarahaba na iza na iza eny an-dalana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Izay trano hidiranareo, lazao aloha hoe: 'Fiadanana anie ho amin'ity trano ity!' [6]Raha misy olon'ny fiadanana ao, dia hitoetra aminy ny fiadanana izay lazainareo, fa raha tsy misy kosa, dia hiverina aminareo izany. [7]Mitoera ao amin'io trano io ihany, mihinana sy misotro izay omen'izy ireo, fa ny mpiasa dia mendrika ny karamany. Aza mifindrafindra trano.
[8]Fa amin'izay tanàna idiranareo, ka mandray anareo, hano izay aroso eo anoloanareo, [9]ary sitrano ny marary izay ao. Lazao izy ireo hoe: 'Efa manakaiky anareo ny fanjakan'Andriamanitra.'
[10]Na oviana na oviana ianareo no miditra tanàna ka tsy mandray anareo izy ireo, dia mivoaha eny an-dalana ary lazao hoe: [11]'Fa na dia ny vovoky ny tanànanareo izay miraikitra amin'ny tongotray aza dia ho fafanay hanohitra anareo! Fantaro anefa izao: Efa manakaiky ny fanjakan'Andriamanitra.' [12]Lazaiko aminareo fa amin'ny andron'ny fitsarana dia ho azo leferina kokoa ny an'i Sodoma noho ny an'izany tanàna izany.
[13]Loza ho anao, ry Korazina! Loza ho anao, ry Betsaida! Fa raha ny asa lehibe izay natao tao aminao no natao tany Tyro sy Sidona, dia efa ela izy ireo no nibebaka, nipetraka tamin'ny lamba fisaonana sy lavenona. [14]Fa ho azo leferina kokoa ny an'i Tyro sy Sidona amin'ny fitsarana noho ny aminareo. [15]Ianao, ry Kapernaomy, mieritreritra ve ianao fa ho hasandratra any an-danitra? Tsia, ho entina midina any amin'ny Hadesy ianao.
[16]Izay mihaino anareo dia mihaino Ahy, ary izay mandà anareo dia mandà Ahy, ary izay mandà Ahy dia mandà ilay naniraka Ahy."
[17]Niverina am-pifaliana ireo fito-polo, ka nilaza hoe: "Tompo, na dia ny demonia aza dia nanaiky anay tamin'ny anaranao." [18]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Nijery an'i Satana nilatsaka avy any an-danitra toy ny tselatra Aho." [19]Jereo, fa efa nomeko anareo ny fahefana hanitsaka ny menarana, ny maingoka, ary ambonin'ny hery rehetran'ny fahavalo, ary na inona na inona dia tsy hisy handratra anareo amin'ny fomba rehetra. [20]Na dia izany aza dia aza mifaly fotsiny amin'izany, hoa nanaiky anareo ny fanahy, fa mifalia kokoa hoe voasoratra any an-danitra ny anaranareo."
[21]Tamin'io fotoana io ihany dia nifaly tokoa tao amin'ny Fanahy Masina izy, ary niteny hoe: "Midera Anao Aho, ry Ray, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa efa nafeninao ireny zavatra ireny tamin'ny hendry sy ny manan-tsaina, ary nambara tamin'ireo tsy manam-pahalalana, toy ny zaza madinika. Eny, Raiko, fa izany no ankasitrahana tsara eo imasonao."
[22]Ny zava-drehetra dia nankinin'ny Ray tamiko, ary tsy misy mahalala hoe iza ny Zanaka afa-tsy ny Ray, ary tsy misy mahalala hoe iza ny Ray afa-tsy ny Zanaka sy izay nosafidian'ny Zanaka haseho Azy."
[23]Avy eo dia niodina teo amin'ireo mpianatra Izy ka nilaza mangingina hoe: "Sambatra izay mahita ireo zavatra izay hitanareo. [24]Lazaiko aminareo, mpaminany sy mpanjaka maro no naniry ahita izay zavatra hitanareo, fa tsy hitan'izy ireo izany, ary aheno ireo zavatra renareo, fa tsy ren'izy ireo izany."
[25]Indro, nisy mpampianatra ny lalàn'ny Jiosy iray nitsangana mba hitsapa Azy, ka nilaza hoe: "Mpampianatra o, inona no tsy maintsy hataoko mba handova ny fiainana mandrakizay?" [26]Jesosy niteny taminy hoe: "Inona no voasoratra ao amin'ny lalàna? Ahoana no famakianao izany?" [27]Nanome valinteny izy dia niteny hoe: "Tiavo ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra, amin'ny fanahinao rehetra, amin'ny herinao rehetra, ary amin'ny fisainanao rehetra, ary ny namanao tahaka ny tenanao." [28]Jesosy niteny taminy hoe: "Marina ny navalinao. Ataovy izany, dia ho velona ianao."
[29]Fa ilay mpampianatra, naniry hanamarina ny tenany, dia niteny tamin'i Jesosy hoe: "Iza no namako?" [30]Namaly azy Jesosy ka niteny hoe: "Nisy lehilahy iray nidina avy any Jerosalema ho any Jeriko. Izy dia azon'ireo mpandroba, izay nanendaka ireo fananana rehetra teny aminy, sy nikapoka azy, ary namela azy efa ho faty.
[31]Ary sendra nisy mpisorona nandalo tamin'izany lalana izany, ary nony nahita azy izy, dia nandeha teny am-pita. [32]Toy izany koa ny Levita anankiray, rehefa nandalo tamin'ilay toerana ka nahita azy, dia nandeha teny am-pita.
[33]Fa nisy Samaritana anankiray, rehefa nandeha tamin'ny nalehany izy, dia tonga teo amin'ny nisy azy. Rehefa nahita azy izy, dia nitsetra azy. [34]Dia nanatona azy izy ka namehy ny ratrany, ary nandraraka menaka sy divay tamin'izany. Nampitaingenany ny bibiny izy, ka nentiny tany amin'ny tranom-bahiny, ary nokarakarainy. [35]Ny ampitso dia naka denaria roa izy, ary nanolotra izany tamin'ny mpampiantrano, ary nanao hoe: 'Karakarao izy, ary na ohatrinona na ohatrinona laninao mihoatra, rehefa miverina aho, dia ho efaiko.'
[36]Iza amin'izy telo ireo, araka ny eritreritrao, no naman'ilay azon'ny mpandroba?" [37]Namaly ilay mpampianatra hoe: "Ilay iray izay naneho fiantrana azy." Jesosy niteny taminy hoe: "Mandehana ary manaova toy izany koa."
[38]Ary raha niara-nandeha izy ireo, dia niditra tao amin'ny tanàna iray Izy, ary nisy vehivavy iray antsoina hoe Marta nampandroso Azy tao an-tranony. [39]Nanana rahavavy atao hoe Maria izy, izay nipetraka teo an-tongotry ny Tompo ary nandre ny teniny.
[40]Fa Marta sahirana be tamin'ny fikarakarana ny sakafo ho aroso. Nankeo amin'i Jesosy izy, dia nanao hoe: "Tompo, tsy mampaninona Anao ve ny namelan'ny rahavaviko ahy hanompo irery? Koa teneno izy mba hanampy ahy." [41]Fa namaly ny Tompo ka nanao taminy hoe: "Marta, Marta, manahy amin'ny zavatra maro be ianao, [42]kanefa zavatra iray ihany no tena ilaina. Maria dia efa nifidy izay tsara indrindra, izay tsy ho esorina aminy."

---

[a]Fanamarihana: Maro amin'ireo fandikana taloha tsara indrindra no mivaky hoe: "Fitopolo", Fa ny sasany mivaky hoe: "roa ambi-fitopolo."

---

11 [1]Dia izao no nitranga rehefa nivavaka tao amin' ny toerana iray Jesosy, nisy iray tamin'ireo mpianany niteny taminy hoe: "Tompo, mba hampianaro mivavaka izahay toy ny nampianaran'i Jaona ireo mpianany."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[2]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Rehefa mivavaka ianareo dia teneno hoe: 'Ray o, ho hamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao.
[3]Omeo anay ny haninay isan'andro. [4]Avelao ny fahotanay, tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Aza mitondra anay ho any amin' ny fakam-panahy.'"
[5]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Iza aminareo no hanana namana, ary handeha ho any aminy amin'ny misasakalina, ary hanao aminy hoe: 'Ry namana, mba ampidramo mofo telo aho, [6]fa misy namako iray vao tonga avy lavitra, ary tsy manana na inona na inona haroso azy aho.' [7]Ary mety hamaly azy ny iray tao an-trano ka hanao hoe: 'Aza manelingelina ahy.' Efa mihidy ny varavarana, ary ny zanako, efa eo ampandrina, miaraka amiko. Tsy afaka mitsangana aho hanome mofo anao.' [8]Milaza aminareo Aho, fa na dia tsy mitsangana sy manome mofo anareo aza izy satria namany ianareo, dia nohon'ny fikirizanareo tsy misy henatra, dia hitsangana izy ary hanome anareo ny mofo rehetra izay ilainareo.
[9]Mbola milaza aminareo koa aho, Mangataha, dia homena anareo izany; mitadiava, dia hahita ianareo; dondomy, dia ho vohana ianareo. [10]Fa ny olona rehtetra izay mangataka dia mahazo, ary izay mitady dia mahita; ary izay olona mandodona, dia ho vohana.
[11]Iza aminareo raim-pianakavina ireo no, raha mangataka trondro ny zanakareo, dia hanome azy bibilava fa tsy trondro? [12]Na raha mangataka atody izy, dia homenareo maingoka ve izy? [13]Noho izany, raha ianareo ratsy fanahy aza mahay manome fanomezana tsara ho an'ny zanakareo, dia ohatrin'ny ahoana ny halehiben'ny Fanahy Masina homen'ny rainareo izay any an-danitra ho an'ireo izay mangataka aminy?"
[14]Ary Jesosy nandroaka demonia moana. Rehefa nivoka ilay demonia, dia lasa nahay niteny ilay lehilahy izay moana, ary dia gaga ny vahoaka. [15]Fa ny olona sasany nilaza fa: "Amin'ny alalan'i Belzeboba, izay mpitarika ny demonia, no androahany demonia."
[16]Ny sasany nitsapa Azy ary nitady famantarana avy any an-danitra taminy. [17]Nefa fantatr'i Jesosy izay tao an-tsain'izy ireo ka niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "ireo fanjakana rehetra izay mizarazara dia ho rava, ary ny trano izay mizarazara dia hirodana."
[18]Koa raha miady an-trano ary Satana, ahoana no hampaharitra ny fanjakany? Fa hoy ianareo hoe mandroaka demonia amin'ny alalan'i Belzeboba Aho. [19]Fa raha mandroaka demonia amin'ny alalan'i Belzeboba ary Aho, amin'ny alalan'iza kosa no androahan'ny mpanara-dia anareo azy? Noho izany, dia izy ireo no hitsara anareo. [20]Fa raha mandroaka ny demonia amin'ny alalan'ny ratsan-tananan' Andriamanitra Aho, dia tonga aminareo ny fanjakan' Andriamanitra.
[21]Rehefa ampy fitaovana tsara ny lehilahy mahery iray miandry ny tranony, dia voaaro ny hareny, [22]nefa kosa raha mahery noho izy ny lehilahy iray ka mandresy azy, dia alain'ilay lehilahy mahery kokoa amin'ilay lehilahy ny fiadiana, ary ho robainy ny fananan'ilay lehilahy. [23]Izay tsy miaraka amiko dia manohitra Ahy, ary izay tsy miangona miaraka amiko dia misaraka.
[24]Rehefa miala amin'ny olona iray ny fanahy ratsy, dia lasa izy mamakivaky toerana tsy misy rano ary mitady fitsaharana. Ary rehefa tsy mahita, dia hoy izy hoe: 'Andeha hiverina any amin'ny trano niaviako aho.' [25]Rehefa tafaverina, izy dia mahita izany trano izany voadio sy voalamina. [26]Avy eo dia lasa izy ary maka fanahy hafa ratsy mihoatra ny tenany miisa fito miaraka aminy izy ary dia miditra mba hitoetra ao izy rehetra. Ka ratsy kokoa noho ilay voalohany ny fiafaran'ny izany olona izany."
[27]Ary raha niteny ireo zavatra ireo Izy, dia nisy vehivavy iray nanandratra ny feony tao anaty vahoaka ary nanao taminy hoe: "Sambatra ny kibo izay niteraka Anao sy ny nono izay ninonoanao." [28]Fa hoy kosa Izy hoe: "Sambatra, kokoa aza, ireo izay mihaino ny tenin'Andriamanitra sy mihazona izany."
[29]Ary raha mbola mitombo ny vahoaka, dia nanomboka niteny Jesosy hoe: "Ity taranaka ity dia taranaka ratsy. Mitady famantarana izy, nefa tsy hisy famantarana aseho azy afa-tsy ny famantaran'i Jona. [30]Fa tahaka ny nahatonga an'i Jona ho famantarana tamin'ireo Ninivita, toy izany koa dia ho famantarana ny Zanak'Olona amin'ity taranaka ity.
[31]Ny Mpanjaka vavin'ny Atsimo dia hitsangana amin'ny fitsarana miaraka amin'ireo lehilahy amin'ity taranaka ity ka hanameloka azy ireo, fa tonga avy any amin'ny faran'ny tany izy mba hiaino ny fahendren'i Solomona, ary indro, eto ny olona lehibe noho Solomona.
[32]Ny lehilahin'i Ninive dia hiara hitsangana amin'ity taranaka ity amin'ny fitsarana ary hanameloka azy, satria nibebaka tamin'ny nitorian'i Jona izy ireo, ary indro, misy olona lehibe noho Jona eto.
[33]Tsy misy olona iray, raha avy nandrehitra Jiro, dia mametraka izany amin'ny toerana takona na ao ambanin'ny harona, fa atao eo amin'ny fitoeran-jiro, mba ho hitan'izay miditra ny hazavana. [34]Ny masonao no jiron'ny vatana. Rehefa tsara ny masonao, dia rakotra hazavana ny tena rehetra. Fa raha ratsy kosa ny masonao, dia feno haizina ny tenanao. [35]Noho izany, mitandrema ianareo mba tsy ho maizina ny hazavana ao aminareo. [36]Ary, raha feno hazavana ary ny tenanao rehetra, ka tsy misy ampahan'izany ao anaty haizina, dia ho tahaka ny jiro izay mampamiratra ny hazavany eo aminao ny tenanao manontolo.
[37]Rehefa vita ny resany, dia nisy Fariseo nanasa azy hiara-hisakafo aminy any an tranony, dia niditra Jesosy ka nipetraka.
[38]Gaga ilay fariseo fa tsy nisasa aloha Jesosy alohan'ny hihinana.
[39]Fa hoy ny Tompo taminy hoe: "Ankehitriny, Ianareo Fariseo, dia manadio ny ivelan'ny kaopy sy ny lovia, nefa ny ao anatinareo dia feno rombaka sy faharatsiana." [40]Ianareo ry kely saina! Tsy nanao izay ao anatiny ihany koa ve izay nanao ny ivelany? [41]Omeo ny mahantra izay ao anatiny, dia ho madio ho anareo avokoa ny zavatra rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[42]Fa loza ho anareo ry Fariseo, satria mandoa ny ampahafolon'ny solila sy ny rota ary ny hazo hafa eny an-tsaha ianareo, nefa tsy norarahinareo ny fahamarinana sy ny fitiavan'Andriamanitra. Ilaina ny manao ny marina sy mitia an'Andriamanitra, no sady tsy manadino ny manao ireo zavatra hafa ihany koa.
[43]Loza ho anareo ry Fariseo, fa tianareo ny toerana voalohany eny amin'ny synagoga sy ny fiarahabana feno fanajana anareo eny an tsena. [44]Loza ho anareo, fa ianareo dia tahaka ny fasana tsy misy famantarana izay hitsahin'ny olona fa tsy fantany izany.
[45]Ny iray tamin'ireo mpampianatra lalàna niteny taminy hoe: "Mpampianatra o, izany lazainao izany dia maniratsira anay koa." [46]Jesosy niteny hoe: "Loza ho anareo, ry mpampiana-dalàna! Fa mampitondra enta-mavesatra tsy zakan'ny olona ianareo, nefa tsy mikasika izany enta-mavesatra izany akory na dia ny ratsan-tananareo iray aza.
[47]Loza ho anareo, satria manorina fasana ho an'ireo mpaminany ianareo, nefa ny razambenareo no namono azy ireo.
[48]Koa vavolombelona ary manaiky ny asan'ny razanareo ianareo, fa namono azy ireo tokoa izy ireo ary ianareo no manorina ny fasany.
[49]Noho izany ihany koa, no nanambaran'ny fahendren'Andriamanitra hoe: 'Handefa mpaminany sy apostoly amin'izy ireo Aho, ary izy ireo hamono sy hanenjika ny sasany amin'izy ireo." [50]Ity taranaka ity, izany, no ho tompon'andraikitra amin'ny ràn'ireo mpaminany rehetra nilatsaka hatramin'ny naharian'izao tontolo izao, [51]nanomboka teo amin'ny ràn'i Abela ka hatramin'ny ràn'i Zakaria, izay novonoina teo anelanelan'ny alitara sy ny fitoerana masina. Eny, lazaiko marina aminareo, fa ity taranaka ity no ho tompon'antoka.
[52]Loza ho anareo ry mpampianatra ny lalàn'ny Jiosy, satria nalainareo ny fanalahidin'ny fahalalana; tsy miditra ao ny tenanareo, ary sakananareo ireo izay miditra."
[53]Taorian'ny nialan'i Jesosy teo, dia nanohitra Azy ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ary niady hevitra taminy mahakasika ny zavatra maro, [54]sady niezaka ny hamandrika Azy tamin'ny teniny ihany.

---

[1]Fanamarihana: Ireo fandikana tsara indrindra misy vaki-teny fohy kokoa, izay arahintsika eto. Ny fandikana taloha sasany dia misy vakin-teny lavalava kokoa, izay hita ao amin'ny Matio 7:9 ihany koa: "Raim-pianakaviana iza aminareo, raha mangataka mofo ny zanakareo, no hanome azy vato? Na trondro, dia hanome azy bibilava?"

---

12 [1]Tamin'izany, rehefa niara-niangona ny vahoaka an'arivony maro, maro loatra hany ka nifanitsa-kitro izy ireo, voalohany indrindra dia nanomboka niteny tamin'ireo mpianany Izy hoe: "Tandremo ny masirasiran'ireo Fariseo, izay fiatsarambelatsihy.
[2]Fa tsy misy takona izay tsy haseho, ary tsy misy miafina izay tsy ho fantatra. [3]Ka na inona na inona nolazainareo tao amin'ny haizina dia ho re ao amin'ny fahazavana, ary izay nolazainareo teo an-tsofina tao anaty efitrano dia hambara eny an-tampon-trano.
[4]Milaza aminareo Aho ry namako, aza matahotra ireo izay mamono ny tena, ary aorian'izany dia tsy misy na inona na inona azony atao intsony. [5]Fa hampitandrina anareo Aho ny amin'izay hatahorana. Matahora ilay Iray izay, izay rehefa avy mamono, dia manana ny fahefana ny hanary anareo any amin'ny helo. Eny, miteny aminareo aho, matahora Azy.
[6]Tsy amidy farantsa kely roa ve ny tsintsina dimy? Kanefa tsy misy iray amin'ireny izay adino eo imason'Andriamanitra.
[7]Fa na ny volon-dohanareo aza dia voaisa avokoa. Aza matahotra. Fa manan-danja mihoatra nohon'ny tsintsina maro ianareo.
[8]Hoy Aho aminareo, izay rehetra manaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, ny Zanak'Olona ihany koa dia hanaiky azy eo anatrehan'ireo anjelin'Andriamanitra, [9]fa izay mandà Ahy eo anatrehan'ny olona dia ho lavina eo anatrehan'ireo anjelin'Andriamanitra. [10]Izay rehetra miteny manohitra ny Zanak'Olona, dia ho avela aminy izany, fa izay rehetra miteny ratsy manohitra ny Fanahy Masina kosa, dia tsy ho voavela izany.
[11]Rehefa mitondra anareo eo anatrehen'ny synagoga, ireo mpanapaka, sy ireo manam-pahefana izy ireo, dia aza manahy ny amin'izay ho fomba fiteninareo ho fiarovan-tenanareo, na izay ho lazainareo, [12]satria ny Fanahy Masina no hampianatra anareo izay tokony ho lazainareo amin'izany ora izany."
[13]Avy eo nisy olona iray avy tao amin'ireo vahoaka niteny taminy hoe: "Ry mpampianatra, teneno ny rahalahiko mba hizara ny lova amiko." [14]Jesosy niteny taminy hoe: "Ralehilahy, iza no nanao Ahy ho mpitsara na mpanelanelana anareo?"
[15]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Miambena mba hihazonanareo ny tenanareo lavitra ireo fanirian-dratsy rehetra, satria ny fiainan'olona iray dia tsy miankina amin'ny fitobaky ny fananany."
[16]Avy eo Jesosy nanao fanoharana iray tamin'izy ireo, nanao hoe: "Namokatra be ny sahan'ny lehilahy mpanankarena iray, [17]ary nanontany tena izy, niteny hoe: 'Inona no ho ataoko, fa tsy manana toerana hitahirizana ireo vokatro aho?'
[18]Hoy izy hoe: 'Izao no ho ataoko. Hazerako ireo trano fitoeram-bokatro dia hanangana lehibe kokoa aho, ary ao amin'ireo no hanangonako ny voako sy ireo vokatra hafa. [19]Dia hiteny amin'ny fanahiko aho hoe: "Ry fanahy, ianao dia manana vokatra betsaka voatahiry ho amin'ny taona maro. Mitsahara tsara, mihinàna, misotroa, mifalia.'"
[20]Fa Andriamanitra niteny taminy hoe: 'Ralehilahy adala, androany alina ny fanahinao no halaina aminao, ka ireo zavatra izay nomaninao, ho an'iza ireo?' [21]Izany ny olona izay manangona harena ho an'ny tenany ary tsy manan-karena manoloana an'Andriamanitra."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Jesosy niteny tamin'ireo mpianany hoe: "Noho izany dia lazaiko aminareo, aza manahy ny amin'ny ainareo- izay ho haninareo, na ny momban'ny tenanareo- izay ho tafinareo. [23]Fa ny aina dia mihoatra noho ny sakafo, ary ny tena dia mihoatra noho ireo fitafiana.
[24]Hevero ny goaika, tsy mamafy ireny na mijinja. Tsy manana fitoeram-bokatra ireny na trano fitahirizana, kanefa omen'Andriamanitra hanina ireny. Tahaka ny ahoana ny fihoaranareo lanja mihoatra noho ireo vorona! [25]Iza aminareo no afaka manampy hakiho iray ny andro iainany amin'ny fanahiana? [26]Koa raha izany zavatra kely indrindra izany aza tsy ainareo atao, nahoana ianareo no miahiahy ny amin'ny sisa?
[27]Hevero ireo lilia_ manao ahoana ny faniriny. Tsy miasa izy ireny, na mamoly. Kanefa lazaiko aminareo, na Solomona tamin'ny voninahiny manontolo aza tsy nitafy tahaka ny iray tamin'ireny. [28]Raha tafian'Andriamanitra tahaka izany ireo ahitra eny an-tsaha, izay eo androany, ary ny ampitso dia ariana anaty fatana, toy ny ahoana ny hanafiany anareo mihoatra lavitra noho izany, ianareo ry kely finoana o!
[29]Aza mitady izay ho haninareo sy izay ho sotroinareo, ary aza miahiahy. [30]Fa ireo firenena rehetra eto amin'izao tontolo izao ireo dia mitady ireny zavatra ireny, ary fantatry ny Rainareo fa mila ireny ianareo.
[31]Fa katsaho ny fanjakany, dia homena ho fanampiny ho anareo ireny zavatra ireny. [32]Aza matahotra, ry andian'ondry vitsy, satria ny Rainareo dia tena faly ny hanome anareo ny fanjakana.
[33]Amidio ireo fanananareo ary omeo ny mahantra. Manaova fitoeram-bola ho an'ny tenanareo izay tsy mety ho tonta_ harena any an-danitra izay tsy mety lany, izay tsy misy mpangalatra manakaiky, ary tsy misy kalalao manimba. [34]Fa any amin'izay hitoeran'ny harenareo, dia ho any ihany koa ny fonareo.
[35]Aoka ny akanjo lavanareo ho hasikinareo ny valahanareo, ary aoka ny jironareo hirehitra hatrany, [36]ary manaova tahaka ireo olona izay miandry ireo tompony hiverina avy any amin'ny lanonam-pampakaram-bady, mba rehefa tonga izy ka mandondona, dia ho afaka hanokatra ny varavarana ho azy avy hatrany izy ireo.
[37]Sambatra ireo mpanompo, izay hitan'ny tompony fa niambina rehefa tonga izy. Lazaiko marina aminareo, fa hisikina ny lamba lavany amin'ny valahany izy, ary hampipetraka azy ireo eo an-databatra, ka ho avy izy ary hanompo azy ireo.
[38]Raha ho avy amin'ny ora faharoa amin'ny alina ny tompo, na amin'ny ora fahatelo aza, ka mahita azy ireo vonona, dia ho sambatra ireo mpanompo ireo.
[39]Ho fanampin'izany dia fantaro izao, fa raha fantatry ny tompon-trano ny ora hatongavan'ny mpangalatra, dia tsy namela ny tranony ho vakiana izy. [40]Mivonòna ihany koa, fa tsy fantatrareo ny ora hiavian'ny Zanak'Olona."
[41]Petera niteny hoe: "Tompo ô, aminay ihany ve no itenenanao izany fanoharana izany, sa amin'ny olon-drehetra ihany koa?" [42]Ny Tompo niteny hoe: "Iza ary no mpitantana mahatoky sy hendry izay ho tendren'ny tompony ho ambonin'ireo mpanompony hafa mba hanome azy ireo ny anjara hanin'izy ireo amin'ny fotoana mety? [43]Sambatra izany mpanompo izany, izay hitan'ny tompony manao izany rehefa tonga izy. [44]Lazaiko marina aminareo fa ho tendreny hanapaka ny fananany rehetra izy.
[45]Fa raha miteny ao am-pony izany mpanompo izany hoe: 'Nahemotry ny tompoko ny fiverenany,' ka manomboka mamono ireo mpanompo lahy sy vavy, ary mihinana sy misotro, ka lasa mamo, [46]ny tompon'izany mpanompo izany dia ho avy amin'ny andro tsy ampoiziny, ary amin'ny ora tsy fantany, ary hanapatapaka azy ka hanomana toerana ho azy miaraka amin'ireo tsy mahatoky.
[47]Izany mpanompo izany, nahafantatra ny sitrapon'ny tompony, kanefa tsy niomana na nanao araka ny sitrapony, dia ho kapohina amin'ny fikapohana maro. [48]Fa izay tsy nahafantatra ary nanao izay mendrika ahazoana kapoka kosa, dia ho kapohina amin'ny fikapohana kely. Fa ireo rehetra izay nomena be, dia ho be kokoa no ho takiana aminy, ary ireo izay nanankinana be, dia ho be lavitra aza no hangatahina aminy.
[49]Tonga Aho hanipy afo eny ambonin'ny tany, ary toy ny ahoana ny faniriako mba hirehetan'izany sahady. [50]Fa manana fanaovam-batisa mba hanaovana batisa aho, ary toy ny ahoana ny fahoriako mandra-pahatanterak'izany!
[51]Mihevitra ve ianareo fa tonga Aho mba hitondra fiadanana eto an-tany? Tsia, milaza aminareo aho, fa fisarahana aza.
[52]Manomboka izao dia hisy dimy ao amin'ny trano iray izay hisaratsaraka_ olona telo manohitra ny roa, ary olona roa manohitra ny telo. [53]Hisaratsaraka izy ireo, ny ray hanohitra ny zanaka lahy, ary ny zanaka lahy hanohitra ny ray; ny reny hanohitra ny zanaka vavy ary ny zanaka vavy hanohitra ny reny; ny rafozam-bavy hanohitra ny vinanto vavy, ary ny vinanto vavy hanohitra ny rafozam-bavy."
[54]Niteny tamin'ireo vahoaka koa Jesosy hoe: "Rehefa mahita rahona miforona eny andrefana ianareo, dia hoy avy hatrany ianareo hoe: 'Hisy ranon'orana ho avy,' ary dia mitranga izany. [55]Rehefa misy rivotra mitsoka avy any atsimo, dia hoy ianareo hoe: 'Hisy hafanana be ho avy,' ary mitranga izany. [56]Ry mpihatsaravelatsihy, hainareo ny mandika ny toetoetry ny tany sy ny lanitra, fa ahoana no tsy ahaizanareo mamantatra izao andro ankehitriny izao?
[57]Nahoana ianareo no tsy mitsara izay marina ho an'ny tenanareo? [58]Fa rehefa mandeha miaraka amin'ny mpifanandrina aminareo eo anatrehan'ny mpitsara ambony ianareo, eny an-dàlana dia miezaha handamina ny olana miaraka aminy mba tsy handehanany handrirotra anareo eo amin'ny mpitsara, ary mba tsy hanoloran'ny mpitsara anareo any amin'ny mpamatotra, ary mba tsy handefasan'ny mpamatotra anareo any am-ponja. [59]Hoy aho aminareo, tsy ho tafavoaka ao mihitsy ianareo mandra-pandoanareo ny vola farany izay madinika indrindra."

13

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Tamin'izany andro izany, nisy olona sasany teo nilaza taminy ny momba ireo Galiliana izay ny ràn'izy ireo no nafangaron'i Pilato tamin'ny sorony manokana. [2]Namaly Jesosy ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Ianareo ve mieritreritra fa ireo Galiliana ireo dia mpanota mihoatra noho ireo Galiliana hafa rehetra satria nijaly tahaka izany? [3]Tsia, Izaho miteny anareo. Fa raha tsy mibebaka ianareo, ianareo rehetra dia ho faty tahaka izany.
[4]Na ireny olona valo ambin'ny folo tao Siloama izay nianjeran'ny tilikambo ka nahafaty azy ireo, mieritreritra ve ianareo fa tena mpanota ratsy mihoatra noho ireo lehilahy hafa tao Jerosalema ireny? [5]Tsia, hoy Aho. Fa ianareo raha tsy mibebaka, ianareo rehetra ihany koa dia ho faty."
[6]Jesosy nanao izao fanoharana izao hoe: "Nisy olona nanana hazon'aviavy iray novolena teo amin'ny tanim-boalobony ary tonga izy ary nizaha voankazo teo aminy nefa tsy nahita na inona na inona. [7]Ilay lehilahy dia niteny tamin'ny mpanao zaridaina hoe: 'Indro, tonga teto aho nandritra ny telo taona ary niezaka nitady voa tamin'ity hazo aviavy ity kanefa tsy nahita mihitsy. Kapao io. Nahoana io no avela manimba ny tany?'
[8]Namaly ilay mpanao zaridaina ka niteny hoe: 'Avelao ho eo io aloha amin'ity taona ity mandra-pihadiko manodidina azy sy hanasiako zezika eo aminy. [9]Raha mamoa izy amin'ny taona manaraka, tsara; fa raha tsy izany, dia kapao izy!'"
[10]Ary Jesosy nampianatra tao amin'ny iray tamin'ny Synagoga nandritry ny Sabata. [11]Indro, nisy vehivavy iray izay nanana ny fanahy ratsin'ny fahalemena nandritry ny valo ambin'ny folo taona teo, ary izy dia nivokoka ary tsy nahavita nijoro tsara.
[12]Nony nahita azy Jesosy, dia niantso azy ka niteny hoe: "Ry vehivavy, afaka amin'ny fahalemenao ianao." [13]Napetrany teo aminy ny tanany, ary niaraka tamin'izay dia nitraka ilay vehivavy ary nihoby an'Andriamanitra. [14]Saingy ny mpanapaky ny Synagoga dia tezitra noho ny fanasitranana nataon'i Jesosy tamin'ny Sabata. Noho izany dia namaly ilay mpanapaka ary niteny tamin'ny vahoaka hoe: "Misy enin'andro izay tokony iasana. Tongava ka sitràna, fa kosa tsy amin'ny andro Sabata."
[15]Ny Tompo namaly azy ka niteny hoe: "Ry mpiatsaravelatsihy! Moa ve tsy samy mamaha ny boriky na ny ombiny ao amin'ny valany ianareo ka mitondra izany hisotro rano amin'ny Sabata? [16]Ary toy izany koa ity zanakavavin'i Abrahama, izay voafatotr'i Satana nandritry ny valo ambin'ny folo taona ity, tsy tokony mba ho vahana ve ny fatorany amin'ny andro Sabata?"
[17]Ary raha nilaza izany zavatra rehetra izany Izy, dia menatra ireo rehetra izay nanohitra Azy, fa ny vahoaka iray manontolo dia faly noho ireo zavatra rehetra malaza nataony.
[18]Ary Jesosy niteny hoe: "Toy ny ahoana ny fanjakan'Andriamanitra, ary toy ny inona no afaka anoharako izany?" [19]Izany dia toy ny voatsinampy izay nalaina sy nafafin'ny lehilahy iray teo an-jaridainany, ka lasa hazo lehibe iray, ary ny voron'ny lanitra dia nanamboatra ny tranony teo amin'ireo rantsany."
[20]Mbola niteny ihany Izy hoe: "Inona no afaka hampitahako ny fanjakan'Andriamanitra? [21]Izany dia toy ny masirasira izay nalain'ny vehivavy iray ka nafangarony tamin'ny koba in-telon'ny famarana mandra-piparitahany ao anatin'ny koba rehetra."
[22]Jesosy dia nandeha nitety ny tanàna sy ny vohitra tsirairay teny an-dàlana mankany Jerosalema ary nampianatra azy ireo. [23]Nisy anankiray niteny taminy hoe: "Tompo, moa ve vitsy ny olona no ho vonjena?" Ary hoy izy tamin'izy ireo hoe:
[24]"Miadia ny hiditra ny varavarana tery ianareo, satria, Izaho miteny aminareo, maro no te-hitsofoka, fa tsy ho afaka ny hiditra.
[25]Rehefa injay mitsangana ilay tompon-trano ary manidy ny varavarana, dia hijoro ao ivelany eo ianareo ka handondona ny varavarana ary hiteny hoe: 'Tompo, Tompo, ampidiro izahay.' Izy hamaly ka hiteny aminareo hoe: 'Tsy fantatro ianareo na ny fiavianareo.' [26]Ary hiteny ianareo hoe: 'Nihinana sy nisotro teo anoloanao izahay, ary Ianao efa nampianatra teny an-dalambenay.' [27]Fa Izy dia hamaly hoe: 'Milaza aminareo aho, tsy fantatro izay fiavianareo. Mialà eto amiko, ianareo mpanao ratsy!'
[28]Hisy fitomaniana sy fikitroha-nify rehefa indro ianareo mahita an'i Abrahama, Isaka, Jakoba, sy ny mpaminany rehetra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra, saingy voaroaka any ivelany ianareo. [29]Izy ireo dia ho avy avy any atsinanana, andrefana, avaratra, ary atsimo ka hipetraka eo amin'ny latabatry ny fanjakan'Andriamanitra. [30]Fantaro izao, ireo izay tsy dia manan-danja no ho voalohany, ary ireo izay tena manan-danja no ho farany."
[31]Taoriana kelin'izany, nisy Fariseo sasany tonga ary nilaza taminy hoe: "Mandehana ilaozy ny eto satria Heroda dia te-hamono Anao." [32]Jesosy niteny hoe: "Mandehana ary lazao izany amboahaolo izany hoe: 'Indro, izaho mandroaka demonia sy manao fanasitranana anio sy rahampitso, ary amin'ny andro fahatelo dia ho tratrako ny tanjoko.' [33]Na inona na inona mitranga, zava-dehibe amiko ny manohy anio, rahampitso, sy ny andro manaraka, satria tsy azo ekena ny famonoana ny mpaminany lavitra an'i jerosalema.
[34]"Ry Jerosalema, ry Jerosalema, izay mamono ny mpaminany sy mitora-bato ireo izay nirahina tany aminareo. Impiry aho no naniry ny hanangona ny zanakareo tahaka ny akoho vavy manangona ny zanany ambany elany, kanefa tsy naniry izany ianareo. [35]Indro, nilaozana ny tranonareo. Izaho dia miteny aminareo, tsy ho hitanareo Aho ambara-pitenenanareo hoe: "Sambatra izay avy amin'ny anaran'ny Tompo."'

14 [1]Ary indray Sabata, rehefa nankao amin'ny tranon'ny iray tamin'ireo mpitarika ny fariseo hihinana mofo Izy dia nanara-maso Azy akaiky izy ireo. [2]Indro, teo anoloany nisy lehilahy iray izay nampijalian'ny edema. [3]Jesosy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

nanontany ireo manam-pahaizana amin'ny lalàn'ny Jiosy sy ireo Fariseo hoe: "Azo atao ve ny manasitrana amin'ny andro Sabata, sa tsia?"
[4]Fa izy ireo dia nangina. Noho izany dia noraisin'i Jesosy izy, ary nositraniny, dia nalefany handeha. [5]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Iza aminareo izay manan-janaka lahy na omby tafalatsaka anaty fatsakana amin'ny andro Sabata no tsy hisintona azy avy hatrany?" [6]Izy ireo dia tsy nisy nahavita nanome valiny an'ireo zavatra ireo.
[7]Rehefa tsikaritr'i Jesosy ny fomba fisafidianan'ireo izay nasaina ny toeram-boninahitra, nanao fanoharana izy, niteny tamin'izy ireo hoe: [8]"Rehefa asaina amin'ny lanonam-panambadiana ianareo, aza mipetraka eo amin'ny toeram-boninahitra, satria mety nisy olona nasaina mbola manam-boninahitra noho ianareo. [9]Rehefa tonga ilay olona izay nanasa anareo, dia hiteny anareo izy hoe: 'Omeo an'ity olon-kafa ity ny toeranao,' ary am-pahamenarana no andehananareo hamonjy ny toerana ambany indrindra.
[10]Fa rehefa asaina ianareo, mandehana dia mipetraha amin'ny toerana ambany indrindra, amin'izay rehefa mandalo eo ilay nanasa anao, dia mety hiteny anao izy hoe: 'Ry namana, miakara amin'ny ambonimbony.' Ary avy eo dia homem-boninahitra ianareo eo anatrehan'ireo izay rehetra miray latabatra aminareo. [11]Fa ireo izay manandra-tena dia hahetry, ary izy izay manetri-tena dia hasandratra."
[12]Jesosy ihany koa dia niteny tamin'ilay lehilahy nanasa Azy hoe: "Rehefa manome sakafo na fanasana ianao, dia aza manasa ireo namanao na ireo rahalahinao na ireo akaiky anao na ireo mpanakarena manodidina anao, amin'ny mety hanasany anao koa ho takalon'izany, ary dia ho voavaly ianao.
[13]Fa rehefa manao fanasana ianao, asao ny mahantra, ny kilemaina, ny mandringa, ary ny jamba, [14]dia ho sambatra ianao, satria tsy afaka hamaly anao izy ireo. Fa ianao dia ho voavaly amin'ny fitsanganan'ny marina."
[15]Rehefa naheno ireo zavatra ireo ny iray tamin'ireo niray latabatra tamin'i Jesosy, dia niteny taminy izy hoe: "Sambatra izay hihinana ny mofo ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra!" [16]Fa Jesosy niteny taminy hoe: "Nisy lehilahy iray nikarakara sakafo lehibe ary nanasa olona maro. [17]Rehefa voakarakara ny sakafo, dia naniraka ny mpanompony izy hiteny an'ireo izay nasaina hoe: 'Mandrosoa, fa ny zava-drehetra dia efa vonona.'
[18]Izy rehetra dia nitovy saina ary nanomboka nanao fialan-tsiny. Ilay voalohany niteny taminy hoe: 'Nividy saha aho, ka tokony hivoaka aho ary ijery izany. Miala tsiny aho.' [19]Iray hafa niteny hoe: 'Nividy omby folo aho, ary andeha hamantatra azy ireo. Miala tsiny aho.' [20]Avy eo nisy lehilahy iray hafa niteny hoe: "Vao avy nampiaka-bady aho, ary noho izany dia tsy afaka ny ho avy aho.'
[21]Dia tonga ilay mpanompo ary niteny tamin'ny tompony ireo zavatra ireo. Avy eo ilay tompon-trano tezitra ka niteny tamin'ilay mpanompony hoe: "Mandehana faingana eny amin'ireo lalambe sy sakeli-dalana eto an-tanàna dia ento aty ny mahantra, ny mandringa, ny jamba, ary ny kilemaina.' [22]Niteny ilay mpanompo hoe: "Tompo, efa vita izay nobaikonao, fa mbola misy toerana ihany.'
[23]Hoy ity tompony tamin'ilay mpanompony hoe: "Mandehana eny amin'ireo lalambe sy sisim-boly ary tereo izy ireo ho avy, amin'izay ho feno ny tranoko. [24]Fa lazaiko aminareo, tsy hisy hanandrana ny sakafoko ireo lehilahy izay nasaina.'"
[25]Ary vahoaka maro no nandeha niaraka taminy, ary nitodika Izy ary niteny azy ireo hoe: [26]"Raha misy aminareo manatona Ahy ary tsy mankahala ny rainy, ny reniny, ny vadiny, ny zanany, ireo rahalahiny sy ireo rahavaviny, ary na ny fiainany aza, dia tsy afaka ny ho mpianatro izy. [27]Na iza na iza tsy milanja ny hazofijaliany ary manaraka Ahy dia tsy afaka ny ho mpianatro.
[28]Fa iza aminareo, izay maniry ny hanangana tilikambo, no tsy mipetraka aloha ary mikajy ny fandaniana raha manana izay ilaina hamitana azy izy? [29]Raha tsy izany, rehefa nametraka ny fototra izy nefa tsy hahavita izany akory, dia hanomboka handatsa azy ireo rehetra izay mahita izany, [30]manao hoe: 'Io lehilahy io no nanomboka nanangana kanefa tsy nahavita akory.'
[31]Na koa mpanjaka inona, raha handeha hifanehitra amin'ny mpanjaka hafa amin'ny ady, no tsy hipetraka aloha ary haka hevitra raha miaraka amin'ny lehilahy iray alina dia afaka hiady amin'ny mpanjaka hafa izay tonga manohitra azy miaraka amin'ny lehilahy roa alina? [32]Raha tsy izany, raha mbola lavitra ny tafika hafa, dia mandefa antoko izy ary mangataka fepetra ho amin'ny fihavanana. [33]Ka noho izany, na iza na iza aminareo tsy mahafoy izay rehetra hananany dia tsy afaka ny ho mpianatro izy.
[34]Tsara ny sira, fa raha very ny tsiron'ilay sira, ahoana no hiverenany hasira indray? [35]Tsy misy ilan'ny tany azy na dia ny zezi-tany aza. Ariana fotsiny izany. Izay manan-tsofina ho enti-mihaino, aoka izy hiaino."

15 [1]Ary ireo mpamory hetra rehetra sy ny mpanota sasany dia tonga teo amin'i Jesosy mba hihaino Azy.
[2]Nifampimonomonona ireo Fariseo sy ireo mpanora-dalàna, niteny hoe: "Io lehilahy io dia mandray mpanota, ary miara-mihinana amin'izy ireo mihintsy aza."
[3]Jesosy nanao izao fanoharana izao tamin'izy ireo, niteny hoe: [4]"Iza aminareo, raha manana ondry zato izy ary avy eo very ny iray amin'izy ireny, no tsy handao ny sivy amby sivy folo any an-tany efitra, ary handeha hitady ilay iray very mandra-pahitany azy? [5]Ary rehefa hitany izany, dia apetrany eo an-tsorony ary mifaly izy.
[6]Rehefa tonga ao an-trano izy, dia antsoiny avokoa ireo namany sy ireo mpiara-monina aminy, miteny azy ireo hoe: 'Mifalia miaraka amiko, fa hitako ilay ondriko very.' [7]Toy izany koa, miteny aminareo Aho, fa hisy fifaliana any an-danitra nohon'ny mpanota iray izay mibebaka, mihoatra noho ireo olo-marina sivy amby sivy folo izay tsy mila mibebaka.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Na iza no vehivavy izay manana farantsa kely folo, raha very ny farantsa iray, no tsy andrehitra ny jiro, hamafa ny trano, ary hitady amim-pahazotoana mandra-pahitany izany? [9]Rehefa hitany izany, dia antsoiny avokoa ireo namany sy ireo mpiara-monina aminy, ka hiteny hoe: 'Mifalia miaraka amiko, fa itako ilay farantsa kely iray izay very.' [10]Toy izany koa, Izaho milaza aminareo, misy fifaliana eo anatrehan'ny Anjelin'Andriamanitra amin'ny mpanota iray izay mibebaka."
[11]Avy eo Jesosy niteny hoe: "Nisy lehilahy iray nanan-janaka roa lahy, [12]ary ny faralahy tamin'izy ireo niteny tamin'ny rainy hoe: 'Ray ô, omeo ahy ny anjara harena izay tokony ho ahy.' Koa dia nozarainy tamin'izy ireo ny fananany.
[13]Tsy ela taorian'izay, ilay faralahy nanangona ny anjarany rehetra ka nandeha tamin'ny firenena iray lavitra teo, ary tany izy no nandany fahatany ireo harenany rehetra tamin'ny fiainana maditra. [14]Ary rehefa laniny avokoa ny rehetra, dia nisy mosary lehibe niely tamin'io firenena io, ka nanomboka tao anatin'ny tsy fahampiana izy.
[15]Nandeha izy ary nikarama tamin'iray tamin'ireo mponina tao amin'io firenena io, izay nandefa azy tany amin'ny sahany mba hamahana kisoa. [16]Te hihinana mafy ireo sakafo fihinan'ny kisoa izy, satria tsy nisy olona nanome azy na inona na inona.
[17]Fa rehefa tonga saina ilay faralahy, dia niteny izy hoe: 'Firy amin'ireo manompon'ny raiko no manana hanina mihoatra ny sahaza, ary ity izaho, matin'ny hanohanana! [18]Hilaozako eto ka ho any amin'ny raiko aho, ary izaho hiteny aminy hoe: "Ray ô, efa nanota tamin'ny lanitra aho, sy teo imasonao. [19]Tsy mendrika ny antsoina hoe zanakao intsony aho; ataovy toy ny iray amin'ireo mpanomponao aho."
[20]Noho izany nandeha ilay faralahy ka nankany amin'ny rainy. Raha mbola lavitra izy, dia hitan'ilay rainy, ary tohina nangoraka, ka nihazakazaka, ary namihina sy nanoroka azy. [21]Ilay zanany lahy niteny hoe: 'Ray ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo imasonao aho. Tsy mendrika ny antsoina hoe zanakao aho.'
[22]Ilay ray niteny tamin'ny mpanompony hoe: 'Ento faingana ireo akanjo tsara indrindra, ka ampiakanjoy azy, ary asio peratra ny tanany, sy kapa ny tongony. [23]Avy eo ento ilay zanak'omby matavy ka vonoy izany. Andao isika hankalaza amin'ny lanonana! [24]Satria ny zanako lahy dia maty, ary ankehitriny velona indray. Very Izy, ary ankehitriny dia hita indray.' Avy eo dia nanomboka nikorana izy ireo.
[25]Ary ilay lahimatoany dia tany an-tsaha. Nony tamy ary nanatona ilay trano izy, dia naheno mozika sy dihy. [26]Niantso ny iray tamin'ireo mpanompo izy ary nanontany azy hoe mety ho inona izany zavatra izany. [27]Ilay mpanompo niteny taminy hoe: 'Nody ato an-trano ny rahalahinao ka novonoin'ny rainareo ilay zanak'omby matavy, satria tonga soa aman-tsara izy.'
[28]Tezitra ilay lahimatoa, ary tsy nety niditra, dia nivoaka ny rainy, ary niangavy azy. [29]Saingy namaly ilay lahimatoa ary niteny tamin'ny rainy hoe: 'Jereo, efa an-taonany maro no nanompoko anao, ary mbola tsy nandika ny lalànao aho, ary ianao tsy mbola nanome na dia zanak'osy nafahako nikorana niaraka tamin'ireo namako aza, [30]kanefa rehefa tonga ny zanakao lahy, izay nandriatra ny fananananao tamin'ny mpivaro-tena, dia novonoinao ho azy ilay zanak'omby nafahy.'
[31]Hoy ilay ray taminy hoe: 'Anaka, ianao dia miaraka amiko foana, ary izay rehetra ahy dia anao. [32]Kanefa rariny ho antsika ny mikorana sy mifaly, satria ity rahalahinao dia maty, ary ankehitriny dia velona indray; very izy, ary ankehitriny dia hita indray.'"

16 [1]Dia hoy koa Jesosy tamin'ireo mpianany hoe: "Nisy lehilahy mpanan-karena iray nanana mpitantana, ary notanterina tany aminy fa io mpitantana io no nandany ny fananany rehetra. [2]Koa nampiantso azy ilay lehilahy mpanan-karena ary niteny taminy hoe: 'Inona izany henoko momba anao izany? Manomeza tatitra momban'ny asa fitantananao, fa ianao tsy ho afaka ny ho mpitandri-pananana intsony.'
[3]Ary ilay mpitandrim-pananana niteny tany an-tsainy hoe: "Inona re no tokony ataoko, fa manala ahy amin'ny asa tantaniko ny tompoko? Tsy manan-kery hiasana tany aho, ary menatra ny hangataka aho. [4]Fantatro ny ho ataoko, mba rehefa esorina amin'ny asa fitantanako aho, dia hampandroso ahy ao an-tranon'izy ireo ny olona.'
[5]Avy eo ilay mpitan-draharaha niantso ny tsirairay tamin'ireo mpitrosan'ny tompony, ary dia nanontany ilay voalohany izy hoe: 'Ohatrinona no ananan'ny tompoko any aminao?' [6]Niteny izy hoe: 'Menaka oliva zato litatra.' Niteny taminy izy hoe: 'Raiso ny taratasinao, mipetraha faingana, ary dimampolo soratana.' [7]Ary avy eo ilay mpitantana niteny tamin'ny anankiray hoe: 'Ohatrinona ny trosanao?' Niteny izy hoe: 'vary zato famarana.' Niteny taminy izy hoe: 'Raiso ny taratasinao, ary soraty hoe valopolo.'
[8]Avy eo ilay tompo dia nidera ilay mpitantana tsy marina satria niasa tamin-kafetsena izy. Fa fetsy kokoa ny zanak'izao tontolo izao ny amin'ny fifanarahana amin'izy samy olona noho ny zanaky ny fahazavana. [9]Miteny aminareo Aho, mitadiava namana amin'ny alalan'ny vola tsy marina, amin'izay rehefa lany izany, dia mety ho raisin'izy ireo ao amin'ny fonenana mandrakizay ianareo.
[10]Izay mahatoky amin'ny kely indrindra dia mahatoky amin'ny be koa, ary izay tsy marina amin'ny kely indrindra dia tsy marina amin'ny be koa. [11]Raha tsy mahatoky amin'ny fampiasana vola tsy marina ianareo, iza no hatoky anareo amin'ny harena marina? [12]Raha tsy mahatoky amin'ny fampiasana ny volan'ny olona hafa ianareo, iza no hanome vola ho anareo manokana?
[13]Tsy misy mpanompo afaka manompo tompo roa, fa na izy hankahala ny anankiray dia ho tia ny iray, na koa izy hanolotena ho an'ny iray dia hanao tsinontsinona ilay hafa. Tsy afaka manompo an'Andriamanitra sy ny harena ianareo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Ary ny Fariseo, izay tia vola, rehefa nandre izany zavatra rehetra izany, dia nanamavo Azy izy ireo. [15]Niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Ianareo dia manamarina ny tenanareo eo imason'ny olona, fa Andriamanitra mahalala ny fonareo. Fa izay hasandratra eo amin'ny olona dia hankahalaina eo imason'Andriamanitra.
[16]Ny lalàna sy ireo mpaminany dia nisy mandra-piavin'i Jaona. Efa hatramin'izany fotoana izany, no efa nitoriana ny filazantsaran'ny fanjakan'Andriamanitra, ary ny tsirairay dia niezaka nanitsy ny lalany ho amin'izany. [17]Fa moramora kokoa ny hahafoana ny lanitra sy ny tany noho ny soratra kely indrindra ao amin'ny lalàna ho tonga tsy manan-kery.
[18]Izay misaraka amin'ny vadiny ka mampakatra vehivavy hafa dia mijangajanga, ary izay mampakatra vehivavy izay efa nisara-bady dia mijangajanga.
[19]Ary nisy mpanan-karena iray izay niankanjo voloparasy sy rongony manify ary nankamamy isan'andro ny harem-beny.
[20]Nisy mpangataka iray antsoina hoe Lazarosy nipetraka teo amin'ny vavahadiny, rakotra fery, [21]ary naniry mba hihinana izay latsaka avy eo ambony latabatr'ilay lehilahy mpanan-karena. Fa na ny alika aza tonga sy nilelaka ny feriny.
[22]Ary indro maty ilay mpangataka ka nentin'ireo anjely ho eo anilan'i Abrahama. Maty ihany koa ilay mpanan-karena ka nalevina, [23]ary tao amin'ny fahaverezana, raha nampijaliana, dia nanandratra ny masony izy ary nahita an'i Abrahama teny alavitra sy Lazarosy teo anilany.
[24]Koa nihikiaka mafy izy sy niteny hoe: 'Abrahama Ray, mamindrà fo amiko ary alefaso Lazarosy, mba handrobohany ny tendron'ny rantsan-tanany ao anaty rano ary hampangatsiatsiaka ny lelako, fa ato anatin'ny fangirifiriana mafy anatin'ity afo ity aho.'
[25]Fa Abrahama niteny hoe: 'Anaka, tsarovy fa tamin'ny androm-piainanao dia nahazo zavatra tsara ianao, ary ny an'i Lazarosy kosa zavatra ratsy. Fa ankehitriny izy aty dia voatambitamby, ary ianao ao amin'ny fangirifiriana. [26]Ankoatra izany rehetra izany, dia nisy hantsana lehibe napetraka, mba tsy ho afaka hiampita izay te-hiampita avy ety mankeny aminareo, ary tsy misy afaka hiampita avy eny hankety aminay.'
[27]Ilay lehilahy mpanan-karena niteny hoe: 'Miangavy anao aho, ry Abrahama Ray, mba hanirahanao azy ho any an-tranon-draiko _ [28]fa manana rahalahy dimy aho _ mba afahany mampitandrina azy ireo, nohon'ny tahotra ny hatongavan'izy ireo aty amin'ity toeran'ny fijaliana ity ihany koa."
[29]Fa Abrahama niteny hoe: 'Manana an'i Mosesy sy ny mpaminany izy ireo; aoka izy ireo hihaino azy ireo.' [30]Ary namaly ilay lehilahy mpanan-karena hoe: 'Tsia, ry Abrahama Ray, fa raha misy avy amin'ny maty mankany amin'izy ireo, dia hibebaka izy ireo.' [31]Fa Abrahama kosa niteny taminy hoe: 'Raha tsy mihaino an'i Mosesy sy ireo mpaminany izy ireo, dia tsy ho resy lahatra mihitsy na misy olona mitsangana amin'ny maty aza.'"

17 [1]Jesosy niteny tamin'ireo mpianany hoe: "Azo antoka fa hisy zavatra afaka hanosika antsika hanota, fa loza ho an'ny olona izay hiavian'izany! [2]Tsara ho azy kokoa raha asiana vato be eo amin'ny vozony ka atsipy any an-dranomasina, toy izay hahatafintohina ny iray amin'ireo madinika ireo.
[3]Mitandrema ianareo. Raha manota ny rahalahinareo, teneno mafy izy, ary raha mibebaka izy, mamelà azy. [4]Raha manota aminao impito ao anatin'ny iray andro izy, ka impito miverina aminao izy, miteny hoe: 'Mibebaka aho,' dia tsy maintsy mamela azy ianao!"
[5]Ireo apostoly niteny tamin'ny Tompo hoe: "Ampitomboy ny finoanay." [6]Ny Tompo niteny hoe: "Raha manana finoana ohatran'ny voatsinampy ianareo, dia afaka miteny amin'io voroihazo io hoe: 'Miongota, ary maniria any an-dranomasina,' dia hanaiky anareo izy.
[7]Fa iza aminareo, no manana mpanompo miasa tany na miandry ondry, ka hiteny aminy rehefa tonga avy any an-tsaha izy hoe: 'Avia haingana ka mipetraha mba hihinana'? [8]Fa tsy hiteny aminy ve izy hoe: 'Hikarakarao zavatra hohaniko aho, ka asio fehikibo manodidina ny ankanjonao dia manompoa ahy mandrapahalanin'ny haniko sy fisotroako. Dia avy eo ianao mihinana sy misotro'?
[9]Tsy misaotra ilay mpanompo izy satria nanao ireo izay nibaikoana azy izy, sa misaotra ve izy? [10]Na dia ianareo koa aza, rehefa nahavita ireo zavatra rehetra izay nandidiana anareo ianareo, dia tokony hiteny hoe: 'Izahay dia mpanompo tsy mendrika. Izay tokony nataonay ihany no nataonay.'"
[11]Ary raha nandeha ho any Jerosalema Izy, dia nandeha teo amin'ny sisin-tany teo anelanelan'i Samaria sy Galilia.
[12]Rehefa niditra tao amin'ny tanàna iray izy, dia nisy boka folo lahy nifanena taminy tao. Nitsangana lavitra Azy izy ireo
[13]ary nanandratra avo ny feon'izy ireo, niteny hoe: "Jesosy, Tompo o, mamindrà fo aminay."
[14]Rehefa nahita azy ireo Izy, dia niteny tamin'izy ireo hoe: "Mandehana dia ampisehoy amin'ireo mpisorona ny tenanareo." Raha iny lasa iny izy ireo dia nadio. [15]Rehefa nahita ny iray tamin'izy ireo fa sitrana izy, dia niverina, niaraka tamin'ny feo avo nankalaza an'Andriamanitra. [16]Niankohoka teo an-tongotr'i Jesosy izy, nanolotra fisaorana ho Azy. Izy dia Samaritana.
[17]Ary Jesosy niteny hoe: "Tsy efa voadio ve izy folo? Fa aiza ny sivy? [18]Tsy nisy hafa niverina hanome voninahitra an'Andriamanitra ve, afa-tsy ity vahiny ity?" [19]Ary hoy Izy taminy: "Mitsangàna, ka mandehana. Ny finoanao no nahasitrana anao."
[20]Raha nanontanian'ireo Fariseo hoe rahoviana ny fanjakan'Andriamanitra no ho tonga, dia namaly azy ireo Jesosy ka niteny hoe: "Tsy taza-maso ny fiavian'ny fanjakan'Andriamanitra. [21]Tsy hiteny koa izy ireo hoe: 'Jereo, Inty ilay izy!' na hoe: 'Iry ilay izy!' Fa indro, ny fanjakan'Andriamanitra dia ao anatinareo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Hoy izy tamin'ireo mpianatra: "Avy ny andro hanirianareo ny hahita ny iray amin'ny andron'ny Zanak'Olona, fa tsy hahita izany ianareo. [23]Ary izy ireo dia hiteny aminareo hoe: 'Jereo, ery! Jereo, ety!' Fa aza mivoaka na manenjika azy ireo, [24]fa tahaka ny tselatra mamiratra mazava rehefa mitaratra avy any amin'ny ilany ny lanitra ka hatrany any amin'ny ilany iray, dia toy izany ny Zanak'Olona amin'ny androny.
[25]Fa vaolohany dia tsy maintsy hijaly amin'ny zavatra maro Izy ary ho lavin'ity taranaka ity. [26]Tahaka izay nitranga tamin'ny andron'i Noa, no hiseho koa amin'ny andron'ny Zanak'Olona. [27]Nihinana izy ireo, nisotro, nanambady, natolotra ho ampakarina, mandra-pihavin'ny andro izay nidiran'i Noa tao amin'ny sambofiara _ ary tonga ny Safo-drano ka nandringana azy rehetra.
[28]Tahaka izay nitranga tamin'ny andron'i Lota _ nihinana sady nisotro izy ireo, nividy sy nivarotra, namboly sy nanao trano. [29]Fa tamin'ny andro izay nivoahan'i Lota avy tao Sodoma, dia afo sy solifara no nilatsaka avy tany an-danitra ka nandringana azy rehetra.
[30]Dia ohatran'izany koa ny amin'ny andro hisehoan'ny Zanak'Olona. [31]Amin'izany andro izany, aza avela hidina haka ireo entany ho eny ivelan'ny trano izay eny amin'ny tampon-trano; ary aza avela hiverina izay any an-tsaha.
[32]Tadidio ny vadin'i Lota. [33]Na iza na iza mitady hamonjy ny ainy dia hahavery azy, fa na iza na iza hahavery ny ainy dia hamonjy azy.
[34]Milaza aminareo Aho, fa amin'izany alina izany dia hisy olona roa eo ambonin'ny fandriana iray. Ny iray dia horaisina, ary ny iray ho avela. [35]Ary hisy roa vavy miara-mitoto vary. Ny anankiray ho raisina, ary ny anankiray ho avela."
[36] [1] [37]Nanontany Azy izy ireo hoe: "Aiza, Tompo?" ary Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Izay hitoeran'ny faty, dia any koa no hisy votoro hiara-miangona."

---

[1]Fanamarihana: ireo fandikana taloha tsara indrindra dia manala ny andininy faha 36 hoe: "Hisy roa lahy any an-tsaha; ny anankiray ho raisina, ary ny anankiray ho avela."

---

18 [1]Avy eo Izy nilaza fanoharana tamin'izy ireo ny momba ny tokony hivavahan'izy ireo mandrakariva, ary tsy ho kivy, [2]niteny hoe: "Tao amin'ny tanàna iray dia nisy mpitsara izay tsy natahotra an'Andriamanitra ary tsy nanaja olona.
[3]Ary nisy mpitondra-tena iray tao amin'io tanàna io, ary izy nankany aminy matetika, niteny hoe: 'Ampio aho mba hahazoako rariny manoloana ny fahavaloko.' [4]Fa efa hatry ny ela izy no tsy vonona ny hanampy azy, fa taoriana kelin'izany dia niteny tamin'ny tenany izy hoe: 'Na dia tsy matahotra an'Andriamanitra aza aho na tsy manaja olona, [5]fa koa satria manahirana ahy ity mpitondra-tena ity, dia hanampy azy aho mba hahazoany rariny, mba tsy handreraka ahy nohon'ny fivezivezeny lava aty intsony izy.'"
[6]Avy eo niteny ny Tompo hoe: "Henoy izay ambaran'ilay mpitsara tsy marina. [7]Ary tsy hitondra rariny ho an'izay voafidiny izay miantso mafy Azy andro aman'alina koa ve Andriamanitra? Hangatak'andro lava amin'izy ireo ve izy?
[8]Lazaiko aminareo fa hitondra rariny faingana amin'izy ireo izy. Toy izany koa, rehefa tonga ny Zanak'Olona, hahita finoana ety an-tany tokoa ve Izy?"
[9]Avy eo koa Izy nilaza izao fanoharana izao tamin'ny sasany izay nahatoky ny tenan'izy ireo fa hoe marina sy izay manevateva ireo olona hafa: [10]"Nisy roa lahy niakatra tao an-tempoly mba hivavaka _ ny iray dia Fariseo ary ny iray hafa dia mpamory hetra."
[11]Ilay fariseo nitsangana ary nivavaka ireto zavatra momban'ny tenany ireto hoe: 'Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy mitovy amin'ny olona hafa _ mpangalatra, olona tsy marina, mpijangajanga _ na tahaka ity mpamory hetra ity aza.
[12]Mifady hanina indroa isan-kerinandro aho. Manome ny ampahafolon'izay azoko rehetra aho.'
[13]Fa ilay mpamory hetra, nijoro teny alavitra, tsy nety nanandratra ny masony teny amin'ny lanitra akory, fa niteha-tratra, niteny hoe: 'Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko, mpanota.' [14]Milaza aminareo Aho, io lehilahy io dia niverina nidina tany an-tranony voamarina noho ilay iray, satria izay rehetra manandra-tena dia hahetry, fa izay rehetra manetri-tena no hasandratra."
[15]Ny olona koa dia nitondra ny zanany kely teo Aminy, mba hikasihany azy ireo, fa rehefa nahita izany ireo mpianatra, dia niteny mafy azy ireo. [16]Fa Jesosy niantso azy ireo hanatona Azy, niteny hoe: "Avelao ny zaza hanatona Ahy, ary aza raràna izy ireo. Fa an'ny toa azy ireo ny fanjakan'Andriamanitra. [17]Lazaiko marina aminareo, na iza na iza tsy handray ny fanjakan'Andriamanitra toy ny zaza dia tsy hiditra ao amin'izany mihintsy."
[18]Ary nisy mpanapaka iray nanontany Azy, nanao hoe: "Mpampianatra tsara ô, inona no tsy maintsy hataoko mba handovako ny fiainana mandrakizay?" [19]Jesosy niteny taminy hoe: "Nahoana Aho no antsoinao hoe tsara? Tsy misy olona tsara, afa-tsy Andriamanitra irery ihany. [20]Fantatrao ireo didy _ Aza mijangajanga, aza mamono olona, aza mangalatra, aza mijoro vavolombelona mandainga, manajà ny rainao sy ny reninao." [21]Niteny ilay mpanapaka hoe: "Izany rehetra izany dia efa nankatoaviko hatry ny fony izaho tanora."
[22]Rehefa naheno izany Jesosy, dia niteny taminy hoe: "zavatra iray no tsy ampy aminao. Tsy maintsy mivarotra izay rehetra anananao ianao ary mizara izany amin'ny mahantra, ary hanana harena any an-danitra ianao _ ary avia, manaraha Ahy." [23]Fa rehefa naheno ireo zavatra ireo ilay mpanapaka, dia nanjary nalahelo loatra, fa nanan-karena be izy.
[24]Ary Jesosy, nahita azy, nanjary nalahelo mafy [1]ary niteny hoe: "Manao ahoana ny fahasarotan'ny fidirana ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra ho an'ireo izay mpanan-karena! [25]Fa moramora kokoa ho an'ny rameva ny hiditra amin'ny vodim-panjaitra, nohon'ny hidiran'ny olona mpanan-karena iray ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[26]Ireo izay naheno izany dia niteny hoe: "Iza ary no afaka ho vonjena?" [27]Jesosy namaly hoe: "ireo zavatra izay tsy hain'olombelona dia hain'Andriamanitra."
[28]Petera niteny hoe: "Indro, nandao ny zavatra rehetra izay anay izahay ary nanaraka Anao." [29]Ary Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko marina aminareo, fa tsy misy olona izay nahafohy trano, na vady, na rahalahy, na ray aman-dreny, na zanaka, nohon'ny fanjakan'Andriamanitra, [30]izay tsy hahazo bebe kokoa amin'ity izao tontolo izao ity, ary amin'ny andro ho avy, dia fiainana mandrakizay."
[31]Rehefa avy nanangona ny roa ambin'ny folo lahy teo Aminy Izy, dia hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Indro, miakatra ho any Jerosalema isika, ka ireo zavatra rehetra izay voasoratr'ireo mpaminany momban'ny Zanak'Olona dia ho tanteraka. [32]Fa hatolotra eo amin'ireo Jentilisa Izy, ka hihomehezana, sy halana baraka, ary ho roràna. [33]Aorian'ny hikapohana Azy, dia ho vonoin'izy ireo Izy ary amin'ny andro fahatelo dia hitsangana indray Izy."
[34]Tsy nahatakatra na inona na inona tamin'ireo zavatra ireo izy ireo, ary nafenina tamin'izy ireo izany teny izany, ary tsy azon'izy ireo ny zavatra izay voalaza.
[35]Ary raha nanakaiky an'i Jeriko i Jesosy, dia nisy lehilahy jamba iray nipetraka teo an-tsisin-dalana nangataka, [36]ary raha nandre ny vahoaka nandalo, dia nanontany izay zavatra nitranga izy. [37]Nilaza taminy izy ireo hoe nandalo teo Jesosy avy any Nazareta.
[38]Koa niantso mafy ilay lehilahy jamba, nanao hoe: "Jesosy, Zanak'i Davida, mamindrà fo amiko." [39]Fa ireo izay nandeha nialoha dia niteny mafy an'ilay lehilahy jamba, ka niteny taminy mba hangina. Fa izy vao maika niantsoantso mafy hoe: "Ry Zanak'i Davida, mamindrà fo amiko."
[40]Jesosy nijanona ary nandidy ny mba hitondrana ilay lehilahy ho eo aminy. Ary rehefa teo akaiky ilay lehilahy jamba, dia nanontany azy Jesosy hoe: [41]"Inona no tianao hataoko ho anao?" Niteny izy hoe: "Tompo, te-hahiratra aho."
[42]Jesosy niteny taminy hoe: "Mahiràta. Ny finoanao no nahasitrana anao." [43]Teo noho eo dia nahiratra izy ary nanaraka Azy, nanome voninahitra an' Andriamanitra. Ny olona rehetra, rehefa nahita izany, dia nanolotra fiderana ho an'Andriamanitra.

---

[1]Fanamarihana: Ireo manam-pahaizana dia misara-kevitra raha tokony ho ampidirina eto ny teny hoe: [Izy] dia nanjary nalahelo mafy. Ampitahao ny And 23

---

19 [1]Niditra Jesosy ary nandalo an'i Jeriko. [2]Indro, nisy lehilahy izay nantsoina hoe Zakaiosy teo. Izy dia lehiben'ny mpamory hetra sady nanan-karena.
[3]Niezaka ny hahita izy hoe iza Jesosy, kanefa tsy afaka nahita tao anaty vahoaka, satria fohy izy. [4]Koa nihazakazaka nialoha ireo olona izy ary nihanika hazon'aviavy anankiray mba hahita Azy, satria handalo amin'izany lalana izany Jesosy.
[5]Nony tonga teo amin'ilay toerana Jesosy, dia niandrandra Izy ka niteny taminy hoe: "Ry Zakaiosy, midina faingana, fa anio dia tsy maintsy hijanona ao an-tranonao Aho." [6]Dia nidina faingana izy ary nandray Azy tamim-pifaliana. [7]Rehefa nahita izany ny rehetra, dia nitaraina avokoa, niteny hoe: "Niditra hamangy lehilahy izay mpanota Izy"
[8]Nitsangana Zakaiosy ka niteny tamin'ny Tompo hoe: "Jereo, ry Tompo, ny atsasaky ny fananako dia omeko ho an'ny mahantra, ary raha toa ka nisy zavatra nanambakako olona, dia honerako avo efatra heny." [9]Jesosy niteny taminy hoe: "Androany ny famonjena no tonga ato amin'ity tokantrano ity, satria izy koa dia zanak'i Abrahama. [10]Fa ny Zanak'Olona dia tonga mba hitady sy hamonjy ireo olona izay very."
[11]Raha nandre izany zavatra izany izy ireo, dia nanohy niteny Izy ary nanao fanoharana anankiray, satria teo akaikin'i Jerosalema Izy, ary izy ireo nieritreritra fa hiseho teo noho eo ny fanjakan'Andriamanitra. [12]Noho izany Izy dia niteny hoe: "Nisy tandapa iray nandeha tany an-tany lavitra mba hahazo fanjakana ho an'ny tenany ary hiverina avy eo.
[13]Niantso folo lahy tamin'ireo mpanompony izy, ary nanome farantsa folo azy ireo, ary niteny tamin'izy ireo hoe: 'Manaova raharaham-barotra mandra-piveriko." [14]Kanefa ireo vahoakany nankahala azy ary nandefa solontena nanaraka azy, niteny hoe: 'Tsy ilainay ny hanjakan'io lehilahy io eto aminay.' [15]Ary rehefa niverina indray izy, avy nandray ny fanjakana, dia nandidy ireo mpanompony izay nomeny vola mba ho eo aminy izy, mba hahafatarany izay tombony azon'izy ireo tamin'ny fanaovana raharaham-barotra.
[16]Tonga teo anoloany ny voalohany, niteny hoe: 'Tompo, ny farantsanao dia nahazo tombony farantsa folo mihoatra.'
[17]Niteny azy ilay tandapa hoe: 'Tsara izany, ry mpanompo tsara. Noho ianao nahatoky tamin'ny kely dia kely, dia hanam-pahefana amin'ny tanàna folo ianao.'
[18]Tonga ilay faharoa, niteny hoe: 'Ny farantsanao, tompo, dia nahavita farantsa dimy.' [19]Ary niteny taminy ilay tandapa hoe: 'Hiandraikitra tanàna dimy ianao.'
[20]Tonga ny iray hafa, niteny hoe: 'Tompo, indro ny farantsanao, izay notehiriziko tsara tao anaty lamba, [21]fa natahotra anao aho, satria lehilahy masiaka ianao. Ka maka izay tsy napetrakao, ary mijinja izay tsy nafafinao.'
[22]Niteny taminy ilay tandapa hoe: 'Amin'ny teninao manokana no hitsarako anao, ianao ry mpanompo ratsy fanahy. Fantatrao fa izaho dia lehilahy masiaka, maka izay tsy napetrako, ary mijinja izay tsy nafafiko. [23]Koa nahoana no tsy napetrakao tany amin'ny mpitahiry vola ny volako, ka rehefa niverina aho dia ho nandray izany niaraka tamin'ny zanany?'

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Ilay tandapa niteny tamin'ireo izay nijoro teo akaiky teo hoe: 'Esory aminy ny farantsa, ary omeo an'ilay manana ny farantsa folo.' [25]Ary hoy izy ireo taminy hoe: "Tompo, manana farantsa folo izy.'
[26]"Izaho miteny aminareo, fa izay rehetra manana dia homena mihoatra, fa izay tsy manana, na dia izay ananany aza dia ho alaina. [27]Fa ireo fahavaloko, ireo izay tsy naniry ahy hanjaka eo amin' izy ireo, ento aty izy ireo ary vonoy eto anoloako.'"
[28]Rehefa avy nilaza an'ireo zavatra ireo izy, dia nandeha nialoha, niakatra ho any Jerosalema.
[29]Ary nony tonga teo akaikin'i Betifaga sy Betania Izy, teo amin'ny tendrombohitra antsoina hoe Oliva, dia naniraka ny roa tamin'ireo mpianany Izy, [30]niteny hoe: "Mandehana any amin'ny tanàna manaraka. Rehefa miditra ianareo, dia hahita zana-boriky iray mbola tsy notaingenan'olona mihitsy. Vahao izany dia ento aty amiko. [31]Raha misy manontany anareo hoe: 'Nahoana no vahanareo io?' dia lazao hoe: 'Misy ilàn'ny Tompo azy.'
[32]Ireo izay nirahina dia nandeha ary nahita ilay zana-boriky araka ny nolazain'i Jesosy tamin'izy ireo. [33]Raha teo am-pamahana ny zana-boriky izy ireo, dia hoy ireo tompony tamin'izy ireo hoe: "Nahoana no vahanareo ny zana-boriky?"
[34]Niteny izy ireo hoe: "Misy ilàn'ny Tompo azy." [35]Noentin'izy ireo tany amin'i Jesosy izany, ary napetrak'izy ireo teo ambonin'ny zana-boriky ny lambany ary nametraka an'i Jesosy teo amboniny. [36]Raha nandeha iny Izy, dia novelarin'izy ireo teo amin'ny lalana ny lamban'izy ireo.
[37]Ary rehefa nanakaiky an'ilay toerana fidinana amin'ny Tendrombohitr'Oliva Izy, dia nanomboka nifaly ireo mpianany maro be ary nidera an'Andriamanitra tamin'ny feo mafy nohon'ny asa lehibe rehetra izay hitan'izy ireo, [38]niteny hoe: "Deraina anie ny mpanjaka izay avy amin'ny anaran'ny Tompo! Fiadanana any an-danitra ary voninahitra any amin'ny avo indrindra!"
[39]Ny Fariseo sasany teo amin'ny vahoaka dia nilaza taminy hoe: "Mpampianatra ô, teneno mafy ireo mpianatrao."
[40]Namaly Jesosy ary niteny hoe: "Lazaiko aminareo, fa raha mangina ireo, dia hikiaka ny vato."
[41]Rehefa nanatona ny tanàna Jesosy, dia nitomany azy, [42]niteny hoe: "Raha mba fantatrao mantsy amin'izao andro izao, eny ianao, ireo zavatra izay mitondra fiadanana ho anao! Nefa ankehitriny ireny dia miafina amin'ny masonao.
[43]Fa ho avy aminao ireo andro, izay hananganan'ny fahavalonao manda manodidina anao, ary hanodidina anao, ary hanery anao amin'ny lafiny rehetra. [44]Izy ireo dia hampianjera anao amin'ny tany miaraka amin'ny zanakao. Tsy hamela na dia vato iray mifanaingina aza izy ireo, satria ianao tsy nahafantra izany fony Andriamanitra niezaka ny hamonjy anao."
[45]Niditra tao an-tempoly Jesosy ary nanomboka nandroaka ireo izay nivarotra, [46]niteny tamin'izy ireo hoe: "Efa voasoratra hoe: 'Ny tranoko dia natao trano fivavahana,' fa ianareo kosa nanao izany ho zohy fieren'ireo jiolahy."
[47]Koa dia nampianatra isan'andro tao an-tempoly Jesosy. Ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna ary ireo mpitarika ny vahoaka dia nitady hamono azy, [48]fa tsy nahita fomba hanaovana izany izy ireo, satria nazoto nihaino Azy avokoa ny vahoaka rehetra.

20 [1]Ary indray andro, raha nampianatra ny vahoaka tao amin'ny tempoly Jesosy ary nitory ny filazantsara, dia nanatona Azy ireo lohan'ny mpisorona sy mpanora-dalàna niaraka tamin'ireo loholona. [2]Niteny izy ireo, nanao taminy hoe: "Lazao anay hoe amin'ny fahefana inona no hanaovanao ireo zavatra ireo? Na koa iza no nanome anao izao fahefana izao?"
[3]Namaly Izy ary niteny azy ireo hoe: "Izaho koa dia hametraka fanontaniana aminareo. Teneno Ahy ny mahakasika [4]ny batisan'i Jaona. Moa ve izany avy any an-danitra sa avy amin'ny olombelona?"
[5]Niady hevitra izy ireo, niteny hoe: "Raha hamaly isika hoe: 'Avy any an-danitra' dia hiteny Izy hoe: 'Koa nahaona ianareo no tsy nino Azy?' [6]Fa raha miteny isika hoe: 'Avy amin'ny olombelona,' dia hitora-bato antsika ny vahoaka rehetra, satria izy ireo dia resy lahatra fa Jaona dia mpaminany."
[7]Noho izany dia namaly izy ireo fa tsy fantatr'izy ireo izay niaviny. [8]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Izaho koa tsy hilaza aminareo izay fahefana hanaovako izao zavatra rehetra izao."
[9]Noteneniny tamin'ny vahoaka izao fanoharana izao: "Nisy lehilahy iray nanao tanim-boaloboka, nampanofa izany tamin'ny mpamboly voaloboka, ary nandeha tany amin'ny firenena hafa nandritra ny fotoana maharitra. [10]Tamin'ny ora voatondro dia nandefa mpanompo izy ho any amin'ireo mpamboly voaloboka, fa tokony hanome azy ny voankazon'ilay tanim-boaloboka izy ireo. Nokapohin'ireo mpamboly anefa izy, ary nalefany niverina tanam-polo.
[11]Avy eo dia nandefa mpanompo hafa indray izy ary dia nokapohin'izy ireo ihany koa, nalainy baraka, ary nalefan'izy ireo tanam-polo. [12]Mbola nandefa fanintelony izy ary noratrain'izy ireo koa izy, ary noroahiny.
[13]Noho izany dia niteny ny tompon'ilay tanim-boaloboka hoe: 'Inona no ho ataoko? Halefako any ny zanaka lahy malalako. Mety mba ho hajain'izy ireo izy." [14]Fa rehefa tazan'ireo mpamboly voaloboka izy, dia nifampiresaka izy ireo, niteny hoe: 'Io ilay mpandova. Ndeha ho vonointsika izy, mba ho lasantsika ny lova.'
[15]Noroahin'izy ireo niala ny tanim-boaloboka izy ary novonoin'izy ireo. Inona ary no ho ataon'ny tompon'ilay tanim-boaloboka amin'izy ireo? [16]Ho avy izy ary hamotika ireo mpamboly voaloboka, ary hanome ilay tanim-boaloboka ho an'ny hafa." Rehefa naheno izany izy ireo, dia niteny hoe: "Sanatria amin'Andriamanitra!"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Fa nijery azy ireo Jesosy, niteny hoe: "Inona no hevitr'ilay voasoratra hoe: 'Ny vato izay nolavin'ireo mpanorin-trano no
tonga vato fehizoro'? [18]Ny tsirairay izay mianjera eo amin'io vato io dia ho torotoro. Fa na iza na iza hianjerany, dia ho
potika."
[19]Koa nitady hisambotra Azy tamin'io ora io ireo mpanora-dalàna sy ireo mpisorona, fa fantatr'izy ireo fa nolazainy io
fanoharana io hanohitra azy ireo. Kanefa natahotra ny vahoaka izy ireo. [20]Teo am-pandinihina Azy tsara, dia nandefa
mpitsikilo mody ho marina izy ireo, mba afahan'izy ireo mahita tsiny amin'ny teneniny, ka hanolotra Azy eo amin'ny
fanapahana sy ny fahefan'ny governora.
[21]Nanontany Azy izy ireo, niteny hoe: "Mpampianatra ô, fantatray Ianao fa miteny sy mampianatra am-pahamarinana,
ary tsy voasariky ny hevitr'iza na iza, fa ianao dia mampianatra ny fahamarinana momban'ny lalan'Andriamanitra. [22]Ara-
dalàna ho anay ve ny mandoa hetra amin'i Kaisara, sa tsia?"
[23]Fa Jesosy dia nahatakatra ny hafetsen'izy ireo, ary niteny tamin'izy ireo hoe: [24]"Mampisehoa denaria iray Amiko. An'iza
io sary sy anarana eo aminy io?" Niteny izy ireo hoe: "An'i Kaisara."
[25]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Noho izany omeo an'i Kaisara ny zavatra izay an'i Kaisara, ary an'Andriamanitra, ireo
zavatra izay an'Andriamanitra." [26]Tsy nahita tsiny tamin'izay nolazainy teo anatrehan'ny vahoaka izy ireo, fa dia
nitolagaga tamin'ny valin-teniny ka nangina.
[27]Rehefa tonga teo aminy ny sasany tamin'ireo Sadoseo, ireo izay niteny fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty,
[28]nanontany Azy izy ireo, niteny hoe: "Mpampianatra ô, Mosesy dia nanoratra ho antsika fa raha maty ny rahalahin'ny
lehilahy iray, manam-bady, ary tsy manan-janaka, dia tokony haka vady an'ilay vadin-drahalahiny ilay lehilahy, ary
hanome zanaka ho an'ny rahalahiny.
[29]Nisy mpirahalahy fito ary ny voalohany nanam-bady, ary maty tsy nanan-janaka, [30]ary ny faharoa koa torak'izay.
[31]Nampakatra azy ny fahatelo, ary toy izany avokoa izy fito samy tsy nanan-janaka, ary maty. [32]Taorian'izay dia maty koa
ilay vehivavy. [33]Amin'ny fitsanganana amin'ny maty, ho vadin'iza ary izy? Fa samy efa nanambady azy izy fito."
[34]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Ireo zanak'izao tontolo izao dia mampaka-bady sy ampakarina. [35]Fa ireo izay hita
amin'izao andro izao fa mendrika ny handray ny fitsanganana amin'ny maty dia tsy hampaka-bady na hampakarina.
[36]Tsy ho faty intsony izy ireo, satria mitovy amin'ireo anjely sy ireo zanak'Andriamanitra, izay zanaky ny fitsanganana
amin'ny maty.
[37]Fa ny maty dia natsangana, na Mosesy aza dia nampiseho, teo amin'ilay toerana izay nisy ny voaroy, izay niantsoany ny
Tompo ho Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba. [38]Ary Izy dia tsy Andriamanitry ny
maty, fa ny velona, satria ny rehetra dia velona ao aminy."
[39]Ny sasany tamin'ireo mpanora-dalàna namaly hoe: "Mpampianatra ô, namaly tsara Ianao." [40]Satria tsy sahy nametraka
fanontaniana hafa taminy intsony izy ireo.
[41]Jesosy niteny azy ireo hoe: "Ahoana no ilazan'izy ireo fa Kristy dia zanaka lahin'i Davida? [42]Fa Davida tenany no niteny
tao amin'ny bokin'i Salamo hoe: Ny Tompo niteny tamin'ny Tompoko hoe: 'Mipetraha eo an-tanana ankavanako,
[43]mandra-panaovako ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.' [44]Noho izany Davida dia niantso an'i Kristy hoe: 'Tompo', koa
ahoana no maha zanak'i Davida Azy?"
[45]Teo anatrehan'ny olona rehetra dia niteny tamin'ireo mpianany Izy hoe: [46]"Mitandrema amin'ny mpanora-dalàna, izay
maniry handeha miaraka amin'ny akanjo lava, sy tia fiarahabana manokana eny an-tsena, sy seza voalohany ao anaty
synagoga, ary toerana voalohany any amin'ny fanasana. [47]Izy ireo koa dia mandany ny tranon'ireo mpitondra-tena, ary
manao vavaka lavareny ho fisehosehoana. Ny lehilahy tahaka izany dia hahazo fanamelohana lehibe kokoa."

21 [1]Jesosy nanopy maso ka nahita ireo lehilahy manan-karena izay nandrotsaka ny fanatitr'izy ireo tao amin'ny
fandatsahan-drakitra. [2]Nahita mpitondra-tena mahantra iray nandrotsaka farantsa roa tao Izy. [3]Ka hoy Izy hoe:
"Lazaiko marina aminareo, ity mpitondra-tena mahantra ity dia nandrotsaka betsaka noho izy rehetra. [4]Ireo rehetra ireo
dia nanome fanatitra araky ny haben'ny hareny. Fa ity mpitondra-tena ity, tamin'ny fahantrany, dia nandrotsaka ny
fivelomany rehetra."
[5]Raha nisy maro niresaka momba ny tempoly, fa voaravaka vato tsara tarehy sy fanatitra izany, dia hoy Izy hoe: [6]"Fa ny
amin'ireo zavatra hitanareo ireo, mbola ho avy ny andro izay tsy hisy na vato iray aza hijanona amin'ny hafa ka tsy ho
ravaina."
[7]Koa nanontany Azy izy ireo, nanao hoe: "Ry mpampianatra, rahoviana ireo zavatra ireo no hitranga? Inona no
famantarana rehefa hitranga ireo zavatra ireo?" [8]Jesosy namaly hoe: "Mitandrema mba tsy ho voafitaka ianareo. Fa maro
no ho avy amin'ny anarako, hanao hoe: 'Izaho no izy,' ary, 'Efa akaiky ny fotoana.' Aza manaraka azy ireo. [9]Rehefa
mandre ady sy fikomiana ianareo, dia aza mihorohoro, fa ireo zavatra ireo dia tsy maintsy hitranga aloha, fa ny farany
dia tsy hitranga eo noho eo."
[10]Ary hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Ny firenena dia hitsangana hanohitra firenena, ary fanjakana hanohitra fanjakana.
[11]Hisy horohoron-tany lehibe, ary mosary sy areti-mandringana any amin'ny toerana samihafa. Hisy tranga
mampatahotra ary famantarana lehibe avy any an-danitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Fa mialohan'ireo zavatra rehetra ireo, dia hisambotra anareo izy ireo ary hanenjika anareo, hanolotra anareo ao amin'ny synagoga sy ny figadrana, hitondra anareo eo anoloan'ireo mpanjaka sy ireo mpanapaka nohon'ny anarako.
[13]Izany dia hanome fahafahana ho amin'ny fijoroanareo vavolombelona.
[14]Noho izany dia manapaha hevitra ao am-ponareo mba tsy hanomana ny fiarovanareo mialohan'ny fotoana, [15]fa Izaho hanome teny sy fahendrena anareo, izay tsy afaka toherina sy lavin'ireo mpanohitra anareo.
[16]Fa ianareo koa dia ho atolotry ny ray aman-dreny, ireo rahalahy, ireo havana sy ireo namana, ary izy ireo dia hamono ho faty ny sasany aminareo. [17]Ho halan'ny tsirairay noho ny anarako Ianareo. [18]Fa tsy hisy ho very na dia singam-bolo iray eo amin'ny lohanareo aza. [19]Amin'ny faharetanareo no hamonjenareo ny fanahinareo.
[20]Rehefa hitanareo voadidina miaramila Jerosalema, dia fantaro fa efa akaiky ny faharavany. [21]Dia aoka ireo izay any Jodia handositra any an-tendrombohitra, ary aoka ireo izay any afovoan'ny tanàna hiala, ary aza avela hiditra ao ireo izay any ambanivohitra. [22]Fa ireo no andron'ny valifaty, mba ho tanteraka ireo zavatra rehetra efa voasoratra.
[23]Loza ho an'ireo izay mitondra vohoka sy ho an'ireo mampinono amin'izany andro izany! Fa hisy fahoriana lehibe eo amin'ny tany, ary hatezerana amin'io vahoaka io. [24]Ho lavon'ny sabatra izy ireo ary ho entina ho babo any amin'ny firenena rehetra, ary Jerosalema dia ho voahosihosin'ireo Jentilisa, mandrapa-tanteraky ny andron'ny Jentilisa.
[25]Hisy famantarana eny amin'ny masoandro, eny amin'ny volana, sy eny amin'ny kintana, ary eto an-tany. Ho trapahoriana ireo firenena, hitaintaina nohon'ny eron-dranomasina sy ireo onja. [26]Hisy lehilahy ho toran'ny tahotra sy ny fiandrasana ireo zavatra izay ho avy eto an-tany. Fa ho voahozongozona ny herin'ny lanitra.
[27]Avy eo dia ho hitan'izy ireo ny Zanak'Olona tonga eny amin'ny rahona miaraka amin'ny hery sy voninahitra lehibe. [28]Fa rehefa manomboka mitranga ireo zavatra ireo, dia mitsangàna ary hasandrato ny lohanareo, satria efa akaiky ny fanafahana anareo."
[29]Nanao fanoharana tamin'izy ireo Jesosy hoe: "Jereo ny hazon'aviavy, sy ireo hazo rehetra. [30]Rehefa manaroka ireo, dia ho hitanareo manokana fa efa akaiky ny lohataona. [31]Toy izany ihany koa, rehefa hitanareo mitranga ireo zavatra ireo, dia fantatrareo fa efa akaiky ny fanjakan'Andriamanitra.
[32]Lazaiko aminareo, marina tokoa, ity taranaka ity dia tsy ho faty mandra-pisehon'ireo zavatra ireo. [33]Ny lanitra sy ny tany dia ho levona, fa ireo teniko dia tsy ho levona mandrakizay.
[34]Fa mitandrema amin'ny tenanareo, mba tsy ho vesaran'ny vokatry ny fisotroana sy ny fahamamoana ny fonareo, sy ireo ahiahin'ny fiainana, ka avy eo dia hikatona tampoka aminareo tahaka ny fandrika izany andro izany. [35]Fa izany dia ho tonga amin'ny tsirairay izay miaina maneran-tany.
[36]Fa mba mailo amin'ny fotoana rehetra, mivavaha mba ho ampy hery ianareo handosirana ireo zavatra rehetra izay hiseho, ary hitsanganana eo anoloan'ny Zanak'Olona."
[37]Koa nandritry andro dia nampianatra tao amin'ny tempoly Izy, ary ny alina dia nandeha nivoaka Izy ary nijanona teo an-tendrombohitr'Oliva. [38]Ireo vahoaka rehetra dia tonga vao mangiran-dratsy mba hihaino Azy tao amin'ny tempoly.

22 [1]Ary efa antomotra ny Firavoravoana amin'ny Mofo tsy misy masirasira, izay antsoina hoe Paska. [2]Niady hevitra ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna ny amin'ny fomba afahan'izy ireo mamono an'i Jesosy, satria natahotra ny olona izy ireo.
[3]Avy eo Satana niditra tamin'i Jodasy Iskariota, izay iray tamin'ireo roa ambin'ny folo. [4]Jodasy nandeha nankany amin'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo kapiteny ary niady hevitra tamin'izy ireo ny amin'ny fomba hamadihany an'i Jesosy eo amin'izy ireo.
[5]Faly izy ireo, ary nanaiky ny hanome vola azy. [6]Nanaiky izy, ary nitady kendry tohana mba hanolorany Azy eo amin'izy ireo lavitry ny vahoaka.
[7]Tonga ny andron'ny mofo tsy misy masirasira, izay tsy maintsy hanaovana sorona ny zanak'ondrin'ny Paska. [8]Jesosy naniraka an'i Petera sy Jaona, nanao hoe: "Mandehana ary homano ho antsika ny sakafon'ny Paska, mba afahantsika mihinana izany." [9]Izy ireo nanontany Azy hoe: "Aiza no tianao hanaovanay ny fanomanana?"
[10]Namaly azy ireo Izy hoe: "Henoy, rehefa miditra ny tanàna ianareo, dia hisy lehilahy iray mitondra sinin-drano hifanena aminareo. Manaraha azy any amin'izay trano idirany. [11]Dia teneno ny tompon-trano hoe: 'Ny Mpampianatra milaza aminao hoe: "Aiza ny efi-trano fandraisam-bahiny, izay hihinanako ny sakafon'ny Paska miaraka amin'ireo mpianatro?"'
[12]Izy hampiseho anareo efitrano ambony rihana lehibe misy fanaka. Ataovy ao ny fanomanana." [13]Koa dia nandeha izy ireo, ary nahita ny zavatra rehetra araka izay nolazainy tamin'izy ireo. Ary nanomana ny sakafon'ny Paska izy ireo.
[14]Rehefa tonga ny fotoana, dia nipetraka niaraka tamin'ireo apostoly Izy. [15]Dia niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Naniry mafy ny hihinana ity Paska ity miaraka aminareo Aho mialohan'ny hijaliako. [16]Fa lazaiko aminareo, tsy hihinana ity intsony Aho, mandra-pahatanterak'izany any amin'ny fanjakan' Andriamanitra."
[17]Dia nandray kapoaka Jesosy, ary rehefa nisaotra Izy, dia nanao hoe: "Raiso ity, ary zarao aminareo. [18]Fa lazaiko aminareo, tsy hisotro ny vokatry ny voaloboka intsony Aho, mandra-pahatongan'ny fanjakan'Andriamanitra."
[19]Dia nandray ny mofo Izy, ary rehefa nisaotra, dia notapahiny izany, ary nomeny azy ireo, dia niteny hoe: "Ity ny vatako izay omena ho anareo. Ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy." [20]Noraisiny tahaka izany koa ny kapoaka rehefa vita ny sakafo, dia hoy izy hoe: "Ity kapoaka ity dia ilay fanekena vaovao amin'ny ràko, izay narotsaka ho anareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Fa mitandrema. Ilay iray izay hamadika Ahy dia miaraka Amiko eto an-databatra. [22]Fa ny Zanak'Olona dia mandeha tokoa araka izay voatendry. Fa loza ho an'izany lehilahy izay hamadika Azy izany!" [23]Nanomboka nifapanontany izy ireo ny amin'ny iray amin'izy ireo izay mety hanao izany.
[24]Dia nisy fifandirana nitranga koa teo amin'izy ireo momba izay heverina ho lehibe indrindra amin'izy ireo. [25]Niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Ireo mpanjakan'ny Jentilisa dia tompon'izy ireo, ary ireo izay manana fahefana amin'izy ireo dia atao ho toy ireo izay manao tsara ho an'ny vahoakany.
[26]Fa tsy toy izany mihintsy ny aminareo. Mifanohitra amin'izany, aoka izay lehibe indrindra aminareo ho lasa toy ny kely indrindra, ary aoka izay manan-danja indrindra ho tonga tahaka izay manompo. [27]Fa iza no lehibe kokoa, izay mipetraka amin'ny latabatra, sa izay manompo? Tsy izay mipetraka eo amin'ny latabatra ve? Kanefa Izaho eto aminareo toy ny iray izay manompo.
[28]Fa ianareo no olona izay nanohy niaraka tamiko tao amin'ny fakam-panahy nianjady tamiko. [29]Omeko fanjakana ianareo, tahaka ny Raiko koa izay nanome fanjakana ho Ahy, [30]mba ho afaka hihinana sy hisotro eo an-databatro any amin'ny fanjakako ianareo, ary hipetraka eo amin'ny seza fiandrianana hitsara ny fokon'ny Israely roa ambin'ny folo ianareo.
[31]Simona, Simona, mitandrema, mitady ny hahazo anareo Satana, mba afahany manivana anareo toy ny vary. [32]Fa nivavaka ho anao Aho, mba tsy ho faty ny finoanao. Aorian'ny hiverenanao indray, dia ampaherezo ireo rahalahinao."
[33]Petera niteny taminy hoe: "Tompo, vonona hiaraka Aminao aho na any am-ponja na ho any amin'ny fahafatesana."
[34]Jesosy namaly hoe: "Lazaiko aminao, ry Petera, tsy haneno ny akoho amin'izay andro izay, mialohan'ny handavanao Ahy intelo hoe mahafantatra Ahy ianao."
[35]Dia niteny tamin'izy ireo Jesosy hoe: "Rehefa nandefa anareo tsy niaraka tamin'ny fitoeram-bola, kitapom-batsy, na kiraro Aho, nisy zavatra tsy ampy anareo ve?" Namaly izy ireo hoe: "Tsy nisy." [36]Dia niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Fa izao, izay manana fitoeram-bola, aoka izy haka izany, na kitapom-batsy ihany koa. Izay tsy manana sabatra dia tokony hivarotra ny lambany ary hividy iray.
[37]Fa Izaho miteny aminareo, izay voasoratra momba Ahy dia tsy maintsy tanteraka: 'Izy dia noraisina toy ny iray amin'ireo tsy manara-dalàna.' Fa izay nolazaina mialoha momba Ahy dia efa ho tanteraka" [38]Dia niteny izy ireo hoe: "Tompo, jereo! Ireto misy sabatra roa." Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Ampy izay."
[39]Taorian'ny sakafo, dia nandeha Jesosy, toy ny fanaony matetika, tany an-tendrombohitr'Oliva, ary nanaraka Azy ireo mpianatra. [40]Rehefa tonga izy ireo, dia hoy Izy tamin'izy ireo: "Mivavaha mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy."
[41]Niala teo amin'izy ireo teo ho eo amin'ny indray mitora-bato Izy, dia nandohalika Izy ary nivavaka, [42]nanao hoe: "Ray o, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity. Na izany aza tsy ny sitrako, fa ny Anao no hatao".
[43]Dia nisy anjely avy any an-danitra niseho taminy, nampahery Azy. [44]Tao anatin'ny fangirifiriana, nivavaka tamin-kafanam-po mafy kokoa Izy, ary ny hatsembohany dia lasa toy ny rà nitete tamin'ny tany.
[45]Ary rehefa nitsangana avy nivavaka Izy, dia nankany amin'ny mpianatra, ary nahita azy ireo natory nohon'ny alahelon'izy ireo, [46]ka nanontany azy ireo hoe: "Nahoana no matory ianareo? Mitsangàna ary mivavaha, mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy."
[47]Raha mbola niteny Izy, indro, nisy vahoaka niseho, niaraka tamin'i Jodasy, iray amin'ireo roa ambin'ny folo, nitarika azy ireo. Nanakaiky an'i Jesosy izy mba hanoroka Azy, [48]fa Jesosy niteny taminy hoe: "Jodasy, mamadika ny Zanak'Olona amin'ny oroka ve ianao?"
[49]Rehefa nahita ny zava-nitranga ireo izay nanodidina an'i Jesosy, dia niteny izy ireo hoe: "Tompo, tokony hamely amin'ny sabatra ve izahay? [50]Avy eo ny iray tamin'izy ireo namely ny mpanompon'ny mpisoronabe, ary nanapaka ny sofiny havanana. [51]Jesosy niteny hoe: "Ampy izay!" Nokasihiny ny sofiny, ary nositraniny izy.
[52]Jesosy niteny tamin'ny lohan'ny mpisorona, tamin'ireo kapitenin'ny tempoly, ary tamin'ireo loholona izay tonga hanohitra Azy hoe: "Tonga toy ny hisambotra mpangalatra ve ianareo, miaraka amin'ny sabatra sy langilangy?
[53]Tamin'Izaho niaraka taminareo isan'andro tao an-tempoly, tsy nisambotra Ahy ianareo. Fa izao no oranareo, sy ny fahefan'ny haizina."
[54]Teo am-pisamborana Azy, dia notarihan'izy ireo Izy, ary nentin'izy ireo tany an-tranon'ny mpisoronabe. Fa Petera nanaraka avy teny lavidavitra. [55]Rehefa avy nampirehitra afo teo afovoan'ny tokontany ary niara-nipetraka izy ireo, dia nipetraka teo afovoan'izy ireo Petera.
[56]Nisy mpanompo vavy iray nahita azy raha nipetraka teo amin'ny fahazavan'ny afo izy, ary nijery mahitsy azy sy niteny hoe: "Ity lehilahy ity koa niaraka taminy." [57]Fa Petera nandà izany, niteny hoe: "Ry vehivavy, tsy fantatro Izy." [58]Afaka kelikely dia nisy olona hafa nahita azy, ary niteny hoe: "Ianao koa iray amin'izy ireo." Fa Petera niteny hoe: "Ry lehilahy, tsy izy aho."
[59]Nony afaka adiny iray teo ho eo dia nisy lehilahy hafa nanizingizina sy niteny hoe: "Marina fa niaraka taminy koa ity lehilahy ity, fa izy dia Galiliana." [60]Fa Petera niteny hoe: "Ry lehilahy, tsy fantatro izay teneninao." Teo no ho eo, raha mbola niteny izy, dia nisy akoho naneno.
[61]Niherika, ny Tompo nijery an'i Petera, ary Petera nahatsiaro ny tenin'ny Tompo, tamin'ny niteny taminy Izy hoe: "Alohan'ny hanenoin'ny akoho anio dia handà Ahy intelo ianao." [62]Nivoaka tany ivelany Petera ary nitomany mafy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[63]Ary ireo lehilahy niambina an'i Jesosy dia nananihany ary nikapoka Azy. [64]Nasian'izy ireo sarona Izy ary nanontany Azy izy ireo, niteny hoe: "Maminania! Iza ilay olona izay mikapoka Anao?" [65]Niteny zavatra hafa maro hanohitra an'i Jesosy izy ireo, niteny ratsy Azy.
[66]Raha vao nazava ny andro, dia niara-niangona ireo loholona, ny lohan'ny mpisorona sy ny mpanora-dalàna. Nentin'izy ireo tany amin'ny Synedriona Izy [67]ary niteny hoe: "Raha Ianao no Kristy, dia teneno aminay." Fa Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Raha ho teneniko aminareo, dia tsy hino ianareo", [68]ary raha hanontany anareo Aho, dia tsy hamaly ianareo.
[69]Fa manomboka izao, ny Zanak'Olona dia hipetraka eo an-tanana akavanan'ny herin'Andriamanitra." [70]Izy rehetra niteny hoe: "Dia Zanak'Andriamanitra izany Ianao?" Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Voalazanareo fa Izaho no Izy." [71]Izy ireo niteny hoe: "Nahoana no mbola mila vavolombelona isika? Fa isika mihitsy no naheno avy tamin'ny vavany."

23 [1]Nitsangana ny olona rehetra tamin'izy ireo, ary nitondra an'i Jesosy teo anoloan'i Pilato. [2]Nanomboka niampanga Azy izy ireo, niteny hoe: "Hitanay ity lehilahy ity nametaveta ny firenenay, nandrara ny hanomezana ny hetra ho an'i Kaisara, ary nilaza fa Izy tenany mihitsy no Kristy, mpanjaka."
[3]Pilato nanontany Azy, niteny hoe: "Ianao ve no mpanjakan'ny Jiosy?" Jesosy namaly azy ary niteny hoe: "Voalazanao."
[4]Pilato niteny tamin'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo vahoaka hoe: "Tsy mahita fahadisoana amin'ity lehilahy ity aho." [5]Fa mbola nanizingizina izy ireo, niteny hoe: "Manakorontana ny vahoaka io, mampianatra eran'ny Jodia manontolo, manomboka avy any Galilia na hatrety amin'ity toerana ity aza."
[6]Koa rehefa ren'i Pilato izany, dia nanontany izy raha toa ka Galiliana ilay lehilahy. [7]Rehefa hitany fa tao ambany fahefan'i Heroda Izy, dia nalefany Jesosy nankany amin'i Heroda, izay tany Jerosalema ihany koa tamin'izany andro izany.
[8]Rehefa hitan'i Heroda Jesosy, dia tena ravoravo izy, satria efa te-hahita Azy hatry ny ela. Nahare ny momba Azy izy ary nanantena ny hahita fahagagana maro nataony. [9]Heroda nametra-panotaniana an'i Jesosy tamin'ny teny maro, saingy Jesosy tsy namaly na inona na inona azy. [10]Ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanora-dalàna nitsangana, niampanga mafy Azy.
[11]Heroda sy ireo miaramilany nanevateva an'i Jesosy sady nanesoeso Azy. Avy eo dia nampiakanjo Azy lamba tsara tarehy izy ireo ary nalefan'izy ireo niverina tany amin'i Pilato Izy. [12]Fa i Heroda sy Pilato dia lasa mpinamana tamin'ny androtr'io (talohan'izany dia mpifahavalo izy ireo).
[13]Avy eo Pilato niantso ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanapaka ary ireo vahoaka maro niaraka, [14]ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Nentinareo teto amiko ity lehilahy ity tahaka ny lehilahy izay mitarika ny olona hanao ratsy, ary jereo, izaho, raha nametra-panotaniana taminy teo anoloanareo, dia tsy mahita fahadisoana amin'ity lehilahy ity mahakasika ireo zavatra izay hiampanganareo Azy.
[15]Tsia, na dia Heroda aza, satria nalefany niverina taty amintsika Izy, ary jereo, tsy misy na inona na inona izay mendrika fahafatesana vitany. [16]Noho izany dia ho faiziko Izy, ary ho havotsotro Izy." [17]1
[18]Fa niara-nihiaka mafy izy ireo, nanao hoe: "Ento any io lehilahy io, ary avotsory ho anay Barabasy!" [19]Barabasy dia lehilahy iray izay naiditra am-ponja nohon'ny fikomiana maro tao an-tanàna sy famonoana olona.
[20]Ary niteny tamin'izy ireo indray Pilato, naniry ny hamotsotra an'i Jesosy. [21]Saingy nitabataba mafy izy ireo, niteny hoe: "Homboy Izy, homboy Izy." [22]Niteny tamin'izy ireo fanintelony izy hoe: "Nahoana, fa inona no ratsy vitan'ity lehilahy ity? Tsy nahita na inona na inona izay mendrika sazy famonoana tao aminy aho. Noho izany rehefa avy manafay Azy, dia hamotsotra Azy aho."
[23]Fa izy ireo nanizingizina tamin'ny feo avo, nangataka Azy mba homboana. Ny feon'izy ireo dia nandresy lahatra an'i Pilato. [24]Ka dia nanapa-kevitra ny hanaiky ny fangatahan'izy ireo Pilato. [25]Navotsony ilay iray nangatahin'izy ireo izay nalefa tany am-ponja nohon'ny fikomiana sy famonoana olona. Fa natolony ho amin'ny sitrapon'izy ireo Jesosy.
[26]Ary teo am-pitondrana Azy izy ireo, dia nitàna an'i Simona avy any Syrenia, izay avy any ambanivohitra, ary napetrak'izy ireo teo aminy ny hazofijaliana mba ho entiny, nanaraka an'i Jesosy.
[27]Maro tamin'ireo vahoaka, sy ireo vehivavy izay nalahelo mafy sy nisaona Azy, no nanaraka Azy. [28]Fa rehefa nitodika tany amin'izy ireo, dia niteny Jesosy hoe: "Ry zanakavavin'i Jerosalema, aza mitomany Ahy, fa mitomania ho an'ny tenanareo sy ho an'ireo zanakareo.
[29]Fa indro, ho avy ny andro izay hitenenan'izy ireo hoe: 'Sambatra ireo momba sy ireo kibo izay tsy niteraka, ary ny nono izay tsy nampinono zaza.' [30]Ary dia hanomboka hiteny amin'ireo tendrombohitra izy ireo hoe: 'Mianjerà aminay,' ary amin'ny havoana hoe: "Manaròna anay." [31]Fa raha manao izany zavatra izany izy ireo raha mbola maitso ny hazo, inona no hitranga rehefa maina izany?"
[32]Nisy lehilahy hafa, olon-dratsy anankiroa, nentina niaraka taminy mba ho vonoina.
[33]Rehefa tonga teo amin'ny toerana iray izay antsoina hoe "IKarandoha" izy ireo, dia teo no nanomboan'izy ireo Azy, sy ireo olon-dratsy - ny iray teo amin'ny ankavanany ary ny iray teo amin'ny ankaviany. [34]Jesosy niteny hoe: "Ray o, mamelà azy ireo, fa tsy fantatr'izy ireo izay ataony." Avy eo dia niloka izy ireo, nizarazara ireo fitafiany.
[35]Dia nijoro nijery teo ireo olona raha mbola nananihany Azy koa ireo mpanapaka, niteny hoe: "Namonjy ireo hafa Izy. Avelao Izy hamonjy ny tenany, raha Izy no Kristin'Andriamanitra, ilay iray voafidy."
[36]Ireo miaramila ihany koa dia nanala baraka Azy, nanatona Azy, nanome Azy vinaingitra, [37]ary niteny hoe: "Raha Ianao no mpanjakan'ny Jiosy, vonjeo ny tenanao." [38]Nisy famantarana ihany koa teo amboniny hoe: "Ity no mpanjakan'i Jiosy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[39]Ny iray tamin'ireo olon-dratsy izay nihantona teo no namingavinga Azy tamin'ny nitenenany hoe: "Tsy ianao ve no Kristy? Vonjeo ny tenanao sy izahay." [40]Fa ny anankiray niteny mafy azy, nanao hoe: "Tsy mba matahotra an'Andriamanitra ve ianao, raha samy ambanin'ny fanamelohana mitovy ihany? [41]Isika dia eto ara-drariny tokoa, satria mandray izay mendrika ny asantsika isika. Fa ity lehilahy ity tsy nanao zavatra ratsy."
[42]Avy eo izy niteny hoe: "Jesosy ô, tsarovy aho rehefa tonga any amin'ny fanjakanao Ianao." [43]Jesosy niteny taminy hoe: "Lazaiko marina aminao, fa anio ianao dia hiaraka amiko any paradisa."
[44]Ary ora faha-enina teo ho eo tamin'izany, ary ny aizina avy nandrakotra ny tany manontolo hatramin'ny ora fahasivy [45]raha niha maizina ny hazavan'ny masoandro. Avy eo ny lamban'ny tempoly dia nizara avy teo afovoany.
[46]Nihiaka tamin'ny feo mafy, Jesosy niteny hoe: "Ray ô, eo an-tananao no ametrahako ny fanahiko." Rehefa avy niteny izany, dia maty Izy. [47]Rehefa hitan'ilay kapiteny ny zavatra nitranga, dia nanome voninahitra an'Andriamanitra izy, niteny hoe: "Azo antoka tokoa fa olo-marina ity lehilahy ity."
[48]Rehefa hitan'ireo vahoaka rehetra izay niara-tonga ho vavolombelona nanatri-maso ireo zavatra nitranga ireo, dia niverina niteha-tratra izy ireo. [49]Fa ireo rehetra izay nahafantatra Azy, sy ireo vehivavy izay nanaraka Azy avy any Galilia, dia nitsangana teny alavidavitra, nijery izany zavatra izany.
[50]Ary indro, nisy lehilahy iray antsoina hoe Josefa, izay mpikambana tao amin'ny Synedriona. Olona tsara sady marina izy. [51]Io lehilahy io dia tsy nanaiky ny fanapahan-kevitry ny Synedriona sy ny asan'izy ireo. Avy any amin'ny tanànan'ny Jodiana tany Armatia izy; ary izy dia nikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra.
[52]Io lehilahy io, raha nanatona an'i Pilato, dia nangataka ny vatan'i Jesosy. [53]Nalainy nidina izany, norakofany hariry madinika, ary napetrany tao anaty fasana iray izay novakiana tamin'ny vatolampy, izay tsy mbola nisy olona nalevina mihintsy.
[54]Andron'ny Fiomanana tamin'izany, ary mbola nazava ratsy ny Sabata. [55]Ireo vehivavy, izay niaraka tamin'i Jesosy niala tao Galilia, dia nanaraka avy ao aoriana ary nahita ny fasana sy ny fomba nametrahana ny fatiny. [56]Niverina izy ireo, ary nanomana zava-manitra sy menaka manitra. Ary tamin'ny sabata dia nitsahatra izy ireo araka ny didy.

---

[1]Fanamarihana: Ireo fandikana tsara indrindra dia tsy manisy ny And 17 hoe: Ary Pilato dia voatery namotsotra gadra iray ho an'ireo Jiosy tamin'ny andro firavoravoana.

---

24 [1]Vao maraina tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, dia nankany amin'ny fasana izy ireo, nitondra ireo zava-manitra izay nokarakarain'izy ireo. [2]Hitan'izy ireo nikodia lavitry ny fasana ilay vato. [3]Niditra tao izy ireo, kanefa tsy nahita ny vatan'ny Tompo Jesosy.
[4]Ary, raha mbola sahiran-tsaina momba izany izy ireo, tampoka teo, dia nisy lehilahy roa nanao fitafiana mamirapiratra nitsangana teo anilan'ireo. [5]Ary rehefa feno tahotra ireo vehivavy dia niankohoka tamin'ny tany, niteny tamin'ireo vehivavy izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no mitady ny velona aty amin'ny maty?
[6]Tsy ato izy, fa efa natsangana! Tadidio ny nilazàny anareo fony Izy mbola tany Galilia, [7]nanambara fa ny Zanak'Olona dia tsy maintsy hatolotra ho eo an-tanan'ny olona mpanota ka hofantsihana eo amin'ny hazo fijaliana, ary amin'ny andro fahatelo dia hitsangana indray."
[8]Ireo vehivavy dia nahatsiaro ireo teniny, [9]ka niverina avy tany amin'ny fasana ary nilaza izany zavatra rehetra izany tamin'ireo iraika ambin'ny folo sy ny ambiny rehetra. [10]Ary Mary Magdalena, Johana, Mary renin'i Jakoba, ary ireo vehivavy hafa niaraka taminy dia nitatitra izany zavatra izany tamin'ireo apostoly.
[11]Fa izany hafatra izany dia toy ny tsy nisy dikany tamin'ireo apostoly, ka tsy nino ireo vehivavy izy ireo. [12]Kanefa nitsangana Petrea, dia nihazakazaka nankeny amin'ny fasana, ary niondrika sy nijery tao, dia nahita ireo lambam-paty nitokana. Ary Petera nody tany an-tranony, nanontany tena ny amin'izay zava-nitranga.
[13]Indreo, ny roa tamin'izy ireo nandeha tamin'io andro io ho any amin'ny tanàna atao hoe Emaosy, izay enimpolo stadio miala an'ny Jerosalema. [14]Izy ireo dia nifampiresaka momba ireo zavatra rehetra izay nitranga.
[15]Ary, raha niara-niresaka sy niara-nametra-panontaniana izy ireo, dia nanatona sy nandeha niaraka tamin'izy ireo Jesosy. [16]Fa ny mason'izy ireo dia nosakanana mba tsy hahafantatra Azy.
[17]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Inona no resahanareo roa ety am-pandehanana?" Dia nijanona izy ireo sady nalahelo endrika. [18]Ny iray tamin'izy ireo, nantsoina hoe Kleopasy, namaly Azy hoe: "Ianao irery ve no olana tao Jerosalema tsy nahafantatra ireo zava- nitranga tany tamin'izany andro izany?
[19]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Zavatra inona?" Izy ireo namaly Azy hoe: "Ireo zavatra mikasika an'i Jesosy ilay Nazarena, izay mpaminany, nahery tamin'ny asa sy ny teny teo anatrehan'Andriamanitra sy ny olona rehetra, [20]ary ny fomba nanoloran'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo mpanapakay Azy mba ho melohana ho faty sy ny nanomboana Azy teo amin'ny hazofijaliana.
[21]Kanefa izahay nanantena fa Izy no ilay hanafaka an'Israely. Eny, ary ankoatra izany rehetra izany, telo andro androany izao no nitrangan'izany zavatra rehetra izany.
[22]Nefa koa, ny vehivavy sasany tamin'ny namanay dia nahavariana anay, izay tany amin'ny fasana vao maraina. [23]Rehefa tsy nahita ny vatany izy ireo, dia tamy, niteny fa izy ireo koa dia nahita fahitana anjely izay nilaza fa velona Izy. [24]Ny lehilahy sasany izay niaraka taminay dia nandeha tany amin'ny fasana, ary nahita izany araka izay voalazan'ireo vehivavy. Saingy tsy nahita Azy izy ireo."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[25]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Ry lehilahy adala sy votsa saina vao mino ireo rehetra voalazan'ny mpaminany! [26]Moa ve tsy nilaina ho an'i Kristy ny nijaly tamin'ireny zavatra ireny, ka hiditra any amin'ny voninahiny?" [27]Ary nanomboka tamin'i Mosesy ka hatramin'ireo mpaminany rehetra, dia nadikan'i Jesosy tamin'izy ireo ao amin'ny Soratra Masina ny momba ny Tenany.
[28]Nony nanakaiky ilay tanàna izay nalehany izy ireo, dia naneho fihetsika toy ny hoe handeha lavidavitra Jesosy. [29]Fa nanery Azy izy ireo, niteny hoe: "Mijanona eto aminay, fa efa ho hariva izao ary efa hifarana ny andro." Ka niditra mba hijanona niaraka tamin'izy ireo Jesosy.
[30]Ary, rehefa nipetraka mba hiaraka hihinana tamin'izy ireo Izy, dia naka ny mofo, nisaotra izany, sy namaky izany, ary nanome izany azy ireo. [31]Avy eo nisokatra ny mason'izy ireo, ka nahafantatra Azy, ary nanjavona teo imason'izy ireo Izy.
[32]Izy ireo nifampiteny hoe: "Moa ve ny fontsika tsy niredareda tao anatintsika, raha niteny tamintsika teny an-dalana Izy, raha nanokatra ny Soratra Masina tamintsika Izy?"
[33]Nitsangana izy ireo tamin'io ora io, ka niverina tany Jerosalema. Nahita ireo iraika ambin'ny folo niara-nivory izy ireo, sy ireo izay niaraka tamin'izy ireo, [34]niteny hoe: "Ny Tompo dia nitsangana tokoa, ary niseho tamin'i Simona." [35]Koa nolazain'izy ireo izay zavatra nitranga teny an-dalana, sy ny fomba nisehoan'i Jesosy tamin'izy ireo tamin'ny fanapahana ilay mofo.
[36]Raha niteny izany zavatra izany izy ireo, dia nijoro teo afovoan'izy ireo Jesosy tenany, ary niteny tamin'izy ireo hoe: "Fiadanana anie ho anareo." [37]Saingy taitra sy raiki-tahotra izy ireo, ary nihevitra fa nahita fanahy.
[38]Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no matahotra? Nahoana no misy fanontaniana ao am-ponareo?
[39]Jereo ny tanako sy ny tongotro, fa Izaho tenako ity. Kasiho Aho ka jereo. Fa ny fanahy tsy manana nofo sy taolana, araka ny ahitanareo Ahy hoe manana." [40]Rehefa niteny izany Izy, dia nasehony tamin'izy ireo ny tanany sy ny tongony.
[41]Mbola tsy nino izany izy ireo nohon'ny hafaliana, ary gaga izy ireo. Jesosy niteny azy ireo hoe: "Manana zavatra hohanina ve ianareo?" [42]Nomen'izy ireo trondro voatono izy, [43]ka nalainy izany ary nohaniny teo anoloan'izy ireo.
[44]Izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Tamin'Izaho niaraka taminareo, dia nilaza taminareo fa izay rehetra voasoratra tao amin'ny lalàn'i Mosesy sy ireo mpaminany ary ireo Salamo dia tsy maintsy ho tanteraka."
[45]Ary nosokafany ny sain'izy ireo, mba hazoan'izy ireo ny Soratra Masina. [46]Niteny azy ireo Izy hoe: "Izao no voasoratra, fa ilay Kristy dia hijaly, ary hitsangana amin'ny maty indray amin'ny andro fahatelo. [47]Fibebahana sy famelan-keloka no tokony ho toriana amin'ny anarany any amin'ny firenena rehetra, manomboka ao Jerosalema.
[48]Ianareo no vavolombelon'ireny zavatra ireny. [49]Indro, halefako aminareo izay nampanantenain'ny Raiko. Kanefa mitoera ao an-tanàna mandra-pitafianareo ny hery avy any ambony."
[50]Ary Jesosy nitarika azy ireo mandra-pahatongan'izy ireo tany Betania. Nasandrany ny tanany, ary notahiany izy ireo.
[51]Ary, rehefa nitso-drano azy ireo Izy, dia nandao azy ireo Izy ary lasa nakarina tany an-danitra.
[52]Dia nidera Azy izy ireo, ary niverina tany Jerosalema tamin'ny fifaliana lehibe. [53]Nitohy nankao amin'ny tempoly izy ireo, nankalaza an' Andriamanitra.

Jaona

1 [1]Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. [2]Izany dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany. [3]Ny zavatra rehetra dia avy Aminy avokoa, ary raha tsy noho Izy dia tsy nisy na inona na inona.
[4]Noho Izy no nisiam-piainana, ary io fiainana io no fahazavan'ny olona rehetra. [5]Ny hazavana dia mamiratra ao anaty haizina, ary ny haizina tsy nandresy izany.
[6]Nisy lehilahy iray nirahin'Andriamanitra, Jaona no anarany. [7]Tonga izy mba ho vavolombelona hanambara ny momban'ny fahazavana, mba hinoan'ny rehetra amin'ny alalany. [8]Tsy Jaona ilay fahazavana, fa kosa tonga mba hanambara ny momba ilay fahazavana izy.
[9]Ny fahazavana marina, izay manome hazavana ny olona rehetra, dia tonga eto amin'izao tontolo izao.
[10]Teto amin'izao tontolo Izy, ary Izy no nahariana an'izao tontolo izao, ary izao tontolo izao tsy nahalala Azy. [11]Tonga tany amin'ny olony Izy, ary ny olony tsy nandray Azy.
[12]Fa ireo maro nandray Azy, izay nino ny anarany, dia nomeny fahefana ho tonga zanak' Andriamanitra. [13]Ireo dia tsy nateraka tamin'ny rà, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa ny an'Andriamanitra.
[14]Ary ny Teny tonga nofo ka nonina teo amintsika. Hitanay ny voninahiny, voninahitra tahaka ilay iray sy tokana izay tonga avy tamin'ny Ray, feno fahasoavana sy fahamarinana. [15]Jaona nanambara ny momba Azy ka nihiaka mafy, manao hoe: "Izy ilay iray izay efa nolazaiko hoe: 'Izy izay tonga aoriako dia lehibe noho izaho, satria talohako Izy."'
[16]Fa avy amin'ny fahafenoany no nandraisantsika rehetra fahasoavana hanampy fahasoavana. [17]Fa ny lalàna dia nomena tamin'ny alalan'i Mosesy. Ny fahasoavana sy fahamarinana dia tonga tamin'ny alalan'i Jesosy kristy. [18]Tsy nisy nahita an'Andriamanitra na oviana na oviana. Fa ilay Andriamanitra iray sy tokana, izao eo an-tratran'ilay Ray, no nampahafantatra Azy.
[19]Ary izao no fanambaran'i Jaona rehefa naniraka ireo mpisorona sy Levita avy tany Jerosalema hankeo aminy ireo Jiosy mba hanontany azy hoe: "Iza moa ianoa?" [20]Niteny tsotra izy, ary tsy nandà, fa namaly hoe: "Tsy kristy aho." [21]Ka nanontany azy izy ireo hoe: "Inona ary ianao izany? Elia va ianao?" Niteny izy hoe: "Tsy izy aho" Hoy izy ireo hoe: "Ianao va ilay mpaminany?" Namaly izy hoe: "Tsia".

[22]Avy eo izy ireo niteny taminy hoe: "Iza ianao, mba afahanay manome valin-teny an'ireo izay naniraka anay? Inona no hambaranao momban'ny tenanao?" [23]Hoy izy hoe: "Izao ilay feo, miantso mafy any an'efitra hoe: 'Ataovy mahitsy ny lalan'ny Tompo,' araka ny voalazan'Isaia mpaminany."
[24]Ary nisy iraka sasany avy amin'ireo fariseo nalefa, [25]ary nanontany azy izy ireo ka niteny taminy hoe: "Nahoana ary ianao no manao batisa raha tsy Kristy ianao no sady tsy Elia no tsy ilay mpaminany?"
[26]Ary Jaona namaly azy ireo, manao hoe: "Manao batisa amin'ny rano aho. Fa eo anivonareo eo dia misy olona iray mijoro izay tsy fantatrareo. [27]Izy ilay iray izay tonga avy ao aoriako, izay tsy mendrika ahy ny hamaha ny fehi-kapany." [28]Ireo zavatra ireo dia natao tany Betania tany andafin'i jordana, izay nanaovan'i Jaona batisa.
[29]Ny ampitso Jaona nahita an'i Jesosy nanatona azy ary nilaza hoe: "Jereo, indro ny zanak'ondrin'Andriamanitra izay nanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao! [30]Ity ilay iray izay nolazaiko hoe: 'Ilay iray izay tonga avy aoriako dia lehibe noho izaho, satria talohako Izy.' [31]Ary izaho tsy nahalala Azy, fa mba ho voalaza amin'Isiraely izy no nihaviako hanao batisa amin'ny rano."
[32]Jaona nanambara, manao hoe: "Nahita ny Fanahy nidina avy any an-danitra tahaka ny voromailala aho, ary nioetra teo amboniny izany. [33]Tsy nahafantatra Azy aho, fa Izy izay naniraka ahy hanao batisa amin'ny rano nilaza tamiko hoe: 'Eo ambonin'izay hitanao hidinan'ny Fanahy sy hitoerany eo aminy, izy ilay iray izay manao batisa amin'ny Fanahy Masina.'
[34]Sady nahita aho no nanambara fa izy ilay Zanak'Andriamanitra."
[35]Ny ampitso, indray, raha nijoro niaraka tamin'ny roa amin'ireo mpianany Jaona, [36]dia nahita an'i Jesosy nandeha izy ireo, ka hoy Jaona hoe: "Jereo, ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra!"
[37]Nandre azy niteny izany ireo mpianany roa ka nanaraka an'i Jesosy izy ireo. [38]Avy eo Jesosy nitodika ka nahita azy ireo nanaraka Azy ka niteny azy ireo hoe: "Inona no ilainareo?" Namaly ireo hoe: "Raby (izay midika hoe mpampianatra), aiza Ianao no mitoetra?" [39]Namaly azy ireo Izy hoe: "Manatona ary jereo." Ary nanatona izy ireo ka nahita ny toerana izay nonenany; nitoetra niaraka Taminy tao izy ireo tamin'io andro io, fa tokony efa ho ora fahafolo tamin'izay.
[40]Iray tamin'ireo mpianatra roa nandre an'i Jaona niteny ary nanaraka an'i Jesosy avy eo i Andrea, rahalahin'i Simona Petera. [41]Nitady an'i Simona rahalahiny aloha izy ary nilaza taminy hoe: "Hitanay ny Mesia" (izay adika hoe Kristy)
[42]Nitondra azy tany amin'i Jesosy izy, ary nijery azy Jesosy ka niteny hoe: "Ianao dia Simona zanak'i Jaona, ianao dia ho antsoina hoe Kefasy" (izay midika hoe: Petera).
[43]Ny ampitso, raha te-hiala ho any Galilia Jesosy, dia nahita an'i Filipo Izy ary nilaza taminy hoe: "Manaraha Ahy." [44]Filipo dia avy any betsahida, tanànan'i Andrea sy Petera. [45]Nahita an'i Natanaela i Filipo ka niteny taminy hoe: "Izy izay nosoratan'i Mosesy tao amin'ny lalàna, sy ireo mpaminany, hitanay Izy, dia Jesosy zanak'i Josefa, avy any Nazareta."
[46]Natanaela niteny taminy hoe: "Moa hisy zava-tsoa avy ao Nazareta?" Filipo nilaza taminy hoe: "Manatona ary jereo."
[47]Jesosy nahita an'i Natanaela nanatona azy ary nilaza ireo mombamomba azy hoe: "Jereo, izany no tena isiraelita, izay tsy misy fitaka ao aminy!" [48]Natanaela niteny Taminy hoe: "Ahoana no hahafantaranao ahy?" Jesosy namaly ka nilaza taminy hoe: "Talohan'ny niantsoan'i Filipo anao, raha teo ambanin'ny hazon'aviavy ianao, dia tazako."
[49]Natanaela namaly hoe: "Raby, Ianao ilay zanak'Andriamanitra! Ianao no mpanjakan'Isiraely!" [50]Jesosy namaly ka niteny taminy hoe: "Satria ve Aho niteny taminao hoe: 'Nahita anao teo ambanin'ny hazon'aviavy Aho,' no hinoanao? Hahita zavatra tsara mihoatra noho izany ianao." [51]Avy eo Izy niteny hoe: "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa hahita ny lanitra hisokatra ianareo, ary ireo anjelin'Andriamanitra hiakatra sy hidina eo ambonin'ny Zanak'Olona."

2 [1]Telo andro taty aoriana, dia nisy fampakaram-bady tao Kanà ao Galilia, ary tao ny renin'i Jesosy. [2]Jesosy sy ireo mpianany dia nasaina tamin'ilay fampakaram-bady.
[3]Rehefa lany ny divay, dia niteny taminy ny renin'i Jesosy hoe: "Tsy manana divay izy ireo." [4]Ary hoy Jesosy taminy hoe: "Ravehivavy, nahoana ianao no mankaty amiko? Mbola tsy tonga ny fotoako." [5]Dia hoy ny reniny tamin'ireo mpanompo hoe: "Na inona na inona lazainy aminareo, dia ataovy izany."
[6]Ary nisy siny vato enina teo izay fampiasa amin'ny andro fisasan'ny Jiosy, mahazaka roa hatramin'ny telo metatra avy.
[7]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Fenoy rano ny siny." Ka nofenoin'izy ireo hatramin'ny molony izany. [8]Nony avy eo dia hoy Izy tamin'ireo mpanompo hoe: "Manovoza amin'izany ary ento any amin'ny tompon'andraikitry ny fikarakarana." Ka notanterahin'izy ireo izany.
[9]Nandraman'ny tompon'andraikitrin'ny fikarakarana ilay rano lasa divay, kanefa tsy nahalala izay niavian'izany izy (fa ireo mpanompo izay nanovo ny rano kosa nahafantatra). Avy eo dia niantso ny mpampakatra Izy [10]ary nilaza taminy hoe: "Ny olona rehetra dia mandroso ny divay tsara aloha izay vao ny divay moramora rehefa mamo izy ireo. Fa ianareo kosa nitahiry ny divay tsara mandrak'ankehitriny."
[11]Izany no famantarana voalohany nataon'i Jesosy tao Kanà any Galilia, ary naneho ny voninahiny Izy, ka nino Azy ireo mpianany.
[12]Taorian'izay dia nidina ho any Kapernaomy Jesosy, ny reniny, ireo rahalahiny sy ireo mpianany ary nijanona tao andro vitsivitsy izy ireo.
[13]Ary efa akaiky ny Pasky ny Jiosy, dia niakatra tany Jerosalema Jesosy. [14]Nahita mpivarotr'omby, ondry ary voromailala tao an-tempoly Izy, ary nipetraka tao ihany koa ireo mpanakalo vola.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[15]Noho izany dia nanamboatra karavasy izy ka nandroaka azy rehetra hivoaka ny tempoly, na ny ondry na omby. Nandraraka ny volan'ireo mpanakalo vola Izy ary nananjera ny latabatr'izy ireo. [16]Dia hoy Izy tamin'ireo mpivarotra voromailala hoe: "Ento mivoaka lavitra ity toerana ity ireo zavatra ireo. Aoka izay ny fanaovana ny tranon-dRaiko ho toeram-pivarotana."
[17]Ary tsaroan'ireo mpianany fa efa voasoratra hoe: "Ny firehetako ny amin'ny tranonao no handevona ahy." [18]Avy eo namaly ireo lohandohan'ny mpisorona Jiosy ka nanao taminy hoe: "Inona no famantarana ho asehonao anay, mahatonga anao manao ireny zavatra ireny?" [19]Jesosy namaly hoe: "Ravao ity tempoly ity, fa ho hatsangako anatin'ny telo andro monja izany."
[20]Ary hoy ireo mpanapaka jiosy hoe: "Enina amby efapolo taona no nanorenana ity tempoly ity, ka ianao ve hahatsangana azy ao anatin'ny telo andro?" [21]Kanefa, momban'ny tempolin'ny tenany no noresahany. [22]Taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, dia tsaroan'ireo mpianany fa nilaza izany izy, ary nino ny Soratra Masina sy izany teny nolazain'i Jesosy izany izy ireo.
[23]Ary rehefa tao Jerosalema Izy tamin'ny andro firavoravoan'ny Paska, dia maro no nino ny anarany rehefa nahita ireo famantarana izay nataony. [24]Fa Jesosy kosa tsy nahatoky azy ireo noho Izy nahafantatra tsara azy rehetra, [25]satria tsy nila na iza na iza hanambara aminy ny momban'ny olona Izy, noho Izy nahafantatra ny ao anatin'ny olona.

3 [1]Ary nisy Fariseo iray antsoina hoe Nikodemosy, mpitarika Jiosy. [2]Nanatona an'i Jesosy tamin'ny andro alina io lehilay io ary niteny taminy hoe: "Raby, fantatray fa mpampianatra izay avy amin'Andriamanitra Ianao, satria tsy misy mahavita ireo famantarana ataonao raha tsy miaraka aminy Andriamanitra."
[3]Dia namaly azy Jesosy nanao hoe: "Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy hahita ny fanjakan' Andriamanitra izy." [4]Nikodemosy niteny taminy hoe: "Amin'ny fomba ahoana no hahateraka ny olona iray raha efa antitra izy? Tsy afaka hiditra fanindroany ao an-kibon-dreniny izy ary hateraka, sa ve afaka?"
[5]Namaly Jesosy hoe: "Lazaiko aminao marina, dia marina tokoa, fa raha tsy nateraka tamin'ny rano sy ny fanahy ny zanak'olona, dia tsy afaka hiditra ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra izy. [6]Izay ateraky ny nofo dia nofo, ary izay ateraky ny Fanahy dia fanahy.
[7]Aza gaga amin'izay nolazaiko anao hoe: 'Tsy maintsy hateraka indray ianareo.' [8]Ny rivotra mitsoka na aiza na aiza iriany; renao ny feony, fa tsy fantatrao izay niaviany na izay alehany. Tahaka izany avokoa izay ateraky ny Fanahy."
[9]Namaly Nikodemosy ka niteny taminy hoe: "Ahoana ny fomba hahatanterahan'izany zavatra izany?" [10]Jesosy namaly ka niteny taminy hoe: "Mpampianatra an'Israely ve ianao, dia mbola tsy azonao ihany izany zavatra izany? [11]Lazaiko aminao, marina, dia marina tokoa, fa izay fantatray no resahanay, ary izahay manambara ny momba izay hitanay. Kanefa mbola tsy manaiky ny fanambaranay ianareo.
[12]Raha nanambara taminareo ny zavatra tety an-tany Aho nefa tsy hinoanareo, amin'ny fomba ahoana no hinoanareo Ahy raha hitantara aminareo ny zava-misy any an-danitra Aho? [13]Tsy nisy niakatra any an-danitra afa-tsy Ilay nidina avy tany, dia Ilay zanak'Olona izany.
[14]Ary toy ny nanandratan'i Mosesy ny bibilava tany an'efitra, no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'olona, [15]mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy.
[16]Fa tena tian'Andriamanitra izao tontolo izao, ka nomeny ny zanany lahy tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana ny fiainana mandrakizay. [17]Fa Andriamanitra tsy naniraka ilay Zanaka lahy ho amin'izao tontolo izao mba hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjy izao tontolo izao amin'ny alalany. [18]Izay mino Azy dia tsy helohina, fa izay tsy mino kosa dia efa voaheloka sahady satria tsy nino ny anaran'ilay Zanaka lahy iray sy tokan'Andiamanitra.
[19]Izao no anton'ny fitsaràna: tonga teto amin'izao tontolo izao ny fahazavana, nefa dia naleon'ny olombelona ny haizina toy izay ny mazava satria ratsy ireo asa nataony. [20]Fa izay rehetra manao ratsy dia mankahala ny mazava ary tsy manatona izany mba tsy ho hita miharihary ireo asany. [21]Kanefa, izay manao ny marina dia manatona ny mazava mba ho hita tsara fa ireo asany dia natao arakan'Andriamanitra."
[22]Taorian'izay, dia nandeha tany Jodia Jesosy sy ireo ny mpianany. Nitoetra fotoana vitsy tao niaraka tamin'izy ireo Izy ary nanao batisa. [23]Ary Jaona koa nanao batisa tany Ainona akaikin'i Saleima satria betsaka ny rano tany. Nanatona azy ny vahoaka ary natao batisa, [24]fa tsy mbola nalefa any an-trano maizina Jaona.
[25]Avy eo nisy fifandirana tamin'ny sasany amin'ireo mpianatr'i Jaona sy Jiosy iray momban'ny andro fisasana. [26]Nanatona an'i Jaona izy ireo ka niteny taminy hoe: "Raby, Ilay iray niaraka taminao tany ampitan'ny reniranon'i Joridana, izay nambaranao, indro, manao batisa izy, ary manatona azy avokoa izy rehetra."
[27]Ary Jaona namaly hoe: "Tsy afaka mandray na inona na inona ny olona iray raha tsy nomena azy avy any an-danitra izany. [28]Ianareo ihany dia efa afaka ny vavolombelona amin'ny lazaiko hoe: 'Tsy ilay Kristy aho,' fa kosa: 'Nirahina talohany.'
[29]Ny ampakarina dia an'ny mpampakatra. Ary ny sakaizan'ny mpampakatra, izay mitsangana sy mihaino azy, dia mifaly indrindra nohon'ny amin'ny fahenoana ny feon'ny mpampakatra. Izany, ary, no mameno ny hafaliako. [30]Tsy maintsy mitombo Izy, fa izaho kosa tsy maintsy mihena.
[31]Izy izay avy any ambony dia ambonin'ny zava-drehetra. Izy izay avy eto an-tany dia avy eto an-tany ary miresaka momban'ny eto an-tany. Izay avy any an-danitra dia ambonin'ny zava-drehetra. [32]Izy dia manambara ny momba izay

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

hitany sy reny, kanefa dia tsy misy mandray ny fanambarany. [33]Izay nandray ny fanambarany kosa dia nanamafy fa marina Andriamanitra.
[34]Fa ilay iray nirahin'Andriamanitra dia milaza ny tenin'Andriamanitra. Satria tsy nasiany fetra ny fanomezana ny Fanahy. [35]Ny Ray tia ilay zanaka lahy ary nametraka ny zava-drehetra teo ampelan-tanany. [36]Izay mino ilay Zanaka lahy dia manana ny fiainana mandrakizay, fa izay tsy mankàto ilay zanaka lahy kosa dia tsy hahita fiainana, fa hitoeran'ny hatezeran'Andriamanitra."

4 [1]Ary rehefa fantatr'i Jesosy hoe ren'ireo Fariseo fa nahazo sy nanao batisa mpianatra maro noho Jaona Izy [2](na dia tsy Jesosy tenany aza no nanao batisa, fa ireo mpianany), [3]dia niala tao Jodia Izy ary niverina nankany Galilia indray.
[4]Fa ilainy ny mamakivaky an'i Samaria. [5]Ka dia tonga tao amin'ny tanàna iray ao Samaria Izy, antsoina hoe Sykara, akaikin'ilay ampahan-tany izay nomen'i Jakoba an'i Josefa zanany.
[6]Teo ilay fatsakan'i Jakoba. Nahatsiaro sasatra tamin'ny diany Jesosy ka nipetraka teo amin'ilay fatsakana. Tokony teo amin'ny ora fahenina teo. [7]Nisy vehivavy samaritana iray tonga hatsaka rano, ka hoy Jesosy taminy hoe: "Mba omeo rano Aho ho sotroiko." [8]Fa ireo mpianany efa lasa any an-tanàna mba hividy hanina.
[9]Avy eo hoy ilay vehivavy samaritana taminy hoe: "Ahoana ianao, izay Jiosy, no mangataka amiko, izay vehivavy samaritana, rano ho sotroina?" Fa ireo Jiosy tsy misy hifandraisana amin'ny Samaritana. [10]Fa Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: "Raha fantatrao ny fanomezan'Andriamanitra, sy izay miteny aminao hoe: 'Omeo aho ho sotroiko,' dia ianao indray no ho nangataka taminy, ka omeny rano velona."
[11]Hoy ilay vehivavy taminy hoe: "Tompoko, Ianao dia tsy manana fanovozana ary ny fatsakana lalina. Koa aiza no hahazoanao rano velona? [12]Ianao dia tsy lehibe, moa va, noho Jakoba razambentsika, izay nanome anay ny fatsakana sy nisotro tamin'izany ny tenany, tahaka ny nataon'ireo zanany sy ireo bibiny?"
[13]Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: "Izay rehetra misotro amin'ity rano ity dia mbola hangetaheta indray, [14]fa na iza na iza misotro amin'ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay. Fa kosa, ny rano izay homeko azy dia ho tonga loharano miboiboika ao anatiny, izay mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay."
[15]Hoy ravehivavy taminy hoe: "Tompoko, omeo izany rano izany aho mba tsy hangetaheta sy ho tonga hatsaka eto intsony." [16]Hoy Jesosy tamin-dravehivavy hoe: "Mandehana, antsoy ny vadinao, dia miverena aty."
[17]Namaly ilay vehivavy ka niteny taminy hoe: "Tsy manambady aho." Namaly Jesosy hoe: "Marina ny voalazanao hoe: 'Tsy manambady aho,' [18]fa efa nanambady indimy ianao, ary ilay iray izay hipetrahanao ankehitriny dia tsy mbola vadinao. Marina izay voalazanao."
[19]Hoy ravehivavy taminy hoe: "Tompoko, itako fa mpaminany Ianao. [20]Ireo razantsika nivavaka teto amin'ity tendrombohitra ity, kanefa ianareo manambara fa Jerosalema no toerana tokony hivavahan'ny olona."
[21]Hoy Jesosy taminy hoe: "Minoa Ahy, ravehivavy, fa ho avy ny andro izay hideranareo ny Ray ka sady tsy amin'ity an-tendrombohitra ity no tsy any Jerosalema. [22]Fa ianareo miankohoka amin'izay tsy fantatrareo. Izahay kosa miankohoka amin'izay fantatray, satria ny famonjena dia avy amin'ireo Jiosy.
[23]Kanefa, ho avy ny andro, ary tonga ankehitriny, rehefa hidera ny Ray amin'ny fanahy sy fahamarinana ireo tena mpivavaka, satria ny Ray dia mitady olona tahaka izany ho mpidera Azy. [24]Andriamanitra dia Fanahy, ary ny olona izay midera Azy dia tsy maintsy midera amin'ny fanahy sy fahamarinana."
[25]Hoy ilay vehivavy taminy hoe: "Fantatro fa ho avy ny Mesia (ilay antsoina hoe Kristy). Ary rehefa tonga Izy, dia hanazava amintsika ny zavatra rehetra." [26]Hoy Jesosy taminy hoe: "Izaho izay miresaka aminao, no Izy."
[27]Tamin'izany fotoana izany dia niverina ireo mpianany. Ary nanontany tena izy ireo hoe nahoana Izy no miresaka amin'ny vehivavy, fa tsy nisy niteny hoe: "Inona no tadiavinao?" na hoe: "Nahoana Ianao no miresaka aminy?"
[28]Noho izany dia namela ny sininy ravehivavy, ka nandeha niverina tany an-tanàna, ary nilaza tamin'ny olona hoe:
[29]"Handeha, hizaha ilay lehilahy izay nilaza ny vitako rehetra. Tsy ho Kristy izany, sa ve Izy?" [30]Dia niala teo an-tanàna izy ireo ka nankeo Aminy.
[31]Nandritr'izany, namporisika Azy ireo mpianatra, manao hoe: "Raby, mihinàna." [32]Fa hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Izaho dia manana hanin-ko hanina izay tsy fantatrareo." [33]Ka nifampiteny ireo mpianatra hoe: "Tsy nisy olona nitondra zavatra ho hanina ho Azy, sa ve nisy?"
[34]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Ny sakafoko dia ny manao ny sitrapon'Ilay naniraka Ahy ary manao ny asany. [35]Moa Ianao tsy milaza hoe: "Efa-bolana sisa dia ho avy ny fararano?' Lazaiko aminareo, hatopazo ny masonareo dia jereo ny eny an-tsaha, fa efa masaka ary ho jinjaina ireo! [36]Izay minjinja dia mandray karama sy manangona vokatra ho amin'ny fiainana mandrakizay, ka hiara-paly ny mpamafy sy ny mpinjinja.
[37]Fa amin'izany dia marina ilay teny manao hoe: 'Ny iray mamafy, ary ny iray kosa minjinja,' [38]Naniraka anareo hinjinja izay tsy nisasaranareo Aho. Ireo hafa no nisasatra, ary ianareo no niditra teo amin'izay nisasarany."
[39]Maro tamin'ireo samaritana tao amin'izany tanàna izany no nino Azy nohon'ny tatitr'ilay vehivavy izay manambara hoe: "Nolazainy tamiko avokoa izay nataoko rehetra." [40]Ka rehefa nanatona Azy ireo samaritana, dia nangataka Azy mba hijanona hiaraka amin'izy ireo, dia nijanona tao roa andro Izy.
[41]Maro hafa no nino nohon'ny teniny. [42]Hoy izy ireo tamin-dravehivavy hoe: "Tsy noho izay voalazanao intsony no hinoanay, fa izahay mihitsy no efa nandre, ary fantatray fa Izy tokoa no ilay Mpamonjy an'izao tontolo izao."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[43]Taorian'ireo roa andro ireo, dia niala avy tao Izy hakany Galilia. [44]Fa Jesosy mihintsy no nanambara fa ny mpaminany dia tsy manan-danja ao amin'ny taniny manokana. [45]Rehefa tonga tao Galilia Izy, dia nandray Azy ireo Galiliana. Izy ireo dia nahita ny zavatra rehetra izay nataony tao Jerosalema tamin'ny andro firavoravoana, satria nandeha tany amin'ny andro firavoravoana ihany koa izy ireo.
[46]Ary tonga tao Kana ao Galilia indray Izy, izay toerana nampodiany ny rano ho divay. Nisy tandapa iray izay nanana zanaka lahy marary tao Kapernaony. [47]Rehefa reny fa avy any Jodia ho any Galilia Jesosy, dia nankeo amin'i Jesosy izy ary nangataka taminy mba hidina ary hanasitrana ny zanany lahy, izay efa ho faty.
[48]Avy eo Jesosy nilaza taminy hoe: "Raha tsy mahita famantarana sy fahagagana ianareo, tsy mba hino mihintsy." [49]Hoy ilay tandapa taminy hoe: "Tompoko, midina re mialohan'ny hafatesan'ny zanako." [50]Hoy Jesosy taminy hoe: "Mandehàna. Velona ny zanakao." Nino ny teny izay nolazain'i Jesosy taminy ilay lehilahy, ka dia lasa izy.
[51]Raha iny izy nidina iny, dia nitsena azy ireo mpanompony, nilaza fa velona ny zanany. [52]Ka nanontany azy ireo ny ora izay nanaretany izy. Namaly azy izy ireo hoe: "Omaly tamin'ny ora fahafito no nialàn'ny tazo taminy."
[53]Fantatr'ilay ray avy eo fa tamin'io ora io no nilazan'i Jesosy azy hoe: "Velona ny zanakao." Ka dia nino ny tenany sy ireo ankohonany rehetra. [54]Izany no famantarana faharoa nataon'i Jesosy fony Izy niala tao Jodia ho any Galilia.

5 [1]Taorian'izany dia nisy firavoravoan'ny Jiosy, ary niakatra ho any Jerosalema Jesosy. [2]Ary tany Jerosalema eo akaikin'ny vavahadin'ondry, dia nisy farihy, izay natsoina tamin'ny Hebreo hoe Betesda, ary misy fialofana dimy izany. [3]Maro ireo olona marary, jamba, malemy, na tsy afa-mihetsika natory tao.[1][4][2]
[5]Ary nisy lehilahy anankiray teo izay efa narary valo amby telo-polo taona. [6]Rehefa hitan'i Jesosy nandry teo izy, sy taorian'ny nahatsapany fa efa an-taona maro izy no teo, dia hoy Izy taminy hoe: "Te-ho sitrana ve ianao?"
[7]Namaly ilay lehilahy marary hoe: "Tompoko, tsy manana na iza na iza aho handroboka ahy ao anaty farihy rehefa mihetsika ny rano. Rehefa mandeha aho, dia misy misosoka eo alohako." [8]Hoy Jesosy taminy hoe: "Mitsangàna, ento ny fandrianao, ka mandehana."
[9]Avy hatrany dia sitrana ilay lehilahy, ka noraisiny ny fandriany dia nandeha izy. Ary Sabata izay andro izay.
[10]Dia hoy ireo Jiosy tamin'ilay sitrana hoe: "Sabata ny andro dia tsy mahazo mitondra ny fandrianao ianao". [11]Namaly izy hoe: "Ilay nanasitrana ahy no niteny tamiko hoe: 'Ento ny fandrianao ka mandehana.'"
[12]Ary nanontany azy izy ireo hoe: "Iza ilay lehilahy niteny taminao hoe: 'Ento ny fandrianao ka mandehana'?" [13]Kanefa, ilay sitrana tsy nahalala Azy satria niala moramora Jesosy fa nisy vahoaka teo an-toerana.
[14]Nony avy eo, hitan'i Jesosy tao an-tempoly izy ka hoy Izy taminy hoe: "Indro, sitrana ianao! Aza manota intsony, mba tsy hitranga aminao ny zavatra ratsy noho ny teo." [15]Avy eo dia lasa ralehilahy ka nitatitra tamin'ireo Jiosy fa Jesosy no nanasitrana azy.
[16]Ary noho ireo zavatra ireo dia nanenjika an'i Jesosy ireo Jiosy, satria nanao ireo zavatra ireo tamin'ny Sabata Izy. [17]Ary namaly azy ireo Jesosy hoe: "Ny Raiko dia miasa eny fa na ankehitriny aza, ary Izaho, ihany koa, dia miasa." [18]Noho izany, dia vao maika nitady hamono Azy ireo Jiosy tsy nohon'ny faniratsirany ny Sabata ihany, fa ny niantsoany an'Andriamanitra ihany koa hoe Rainy manokana, manao ny tenany ho mitovy amin'Andriamanitra.
[19]Ary Jesosy namaly azy ireo hoe: "Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa ny Zanaka dia tsy afaka manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon'ny Ray ihany, fa na inona na inona ataon'ny Ray, dia ataon'ny Zanaka ihany koa ireo zavatra ireo. [20]Fa ny Ray tia ny Zanaka ka nampiseho azy ny zavatra rehetra izay nataon'ny tenany, ary hampiseho azy zavatra lehibe mihoatra noho ireo Izy mba ho gaga ianareo.
[21]Fa tahaka ny Ray manangana sy mamelona ny maty, dia tahaka izany ihany koa no ameloman' ny Zanaka izay tiany. [22]Fa ny Ray dia tsy mitsara na iza na iza, fa nomeny ny Zanaka ny fitsarana rehetra [23]mba hanajan'ny rehetra ny Zanaka tahaka ny hanajan'izy ireo ny Ray. Izay tsy manaja ny Zanaka dia tsy manaja ilay Ray naniraka Azy.
[24]Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa izay mandre ny teniko sy mino izay naniraka Ahy dia manana ny fiainana mandrakizay ka tsy ho helohina, fa niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy.
[25]Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa avy ny ora, ary tonga izany ankehitriny, rehefa handre ny feon'ny Zanak'Andriamanitra ny maty, ary ho velona ireo izay mandre.
[26]Fa tahaka ny Ray manana fiainana ao Aminy, no nanomezana ny zanaka ihany koa mba hananany fiainana ao Aminy, [27]ary nomen'ny Ray fahefana hitsara ny Zanaka noho Izy Zanak'olona.
[28]Aza gaga amin'izany, fa avy ny andro handrenesan'ny olona rehetra any am-pasana ny feony [29]ka hivoaka: ireo izay nanao ny tsara dia ho any amin'ny fitsanganana ho amin'ny fiainana, fa ireo izay nanao ny ratsy kosa dia ho any amin'ny fitsanganana ho amin'ny fitsarana.
[30]Tsy afaka manao na inona na inona raha Izaho ihany. Araka izay reko, no itsarako, ary ny fitsarako dia marina satria tsy mitady ny sitrapoko manokana Aho fa ny sitrapon'Izy izay naniraka Ahy. [31]Raha tokony hanambara ny momban'ny tenako Aho, dia tsy marina ny fanambarako. [32]Misy iray hafa izay manambara ny momba Ahy, ary fantatro fa marina ny fanambarana izay lazainy momba Ahy.
[33]Nirahina tany amin'i Jaona ianareo, ary nanambara ny marina izy. [34]Kanefa ny fanambarana izay raisiko dia tsy avy amin'ny olona. Milaza izany zavatra izany Aho mba mety ho voavonjy ianareo. [35]Jaona dia jiro nirehitra sy nanazava, ary ianareo naniry ny hifaly vetivety tao amin'ny fahazavany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[36]Kanefa ny fanambarako dia mbola lehibe noho ny an'i Jaona, fa ireo asa nomen'ny Ray ho tanterahiko, ireo asa izay ataoko ireo, no manambara ny momba Ahy fa nirahin'ny Ray Aho. [37]Ny Ray Izay naniraka Ahy mihintsy no nanambara Ahy. Tsy mbola nandre ny feony na nahita ny tavany ianareo. [38]Ary ny teniny tsy mba mitoetra ao anatinareo, satria tsy mino ilay nirahiny ianareo.
[39]Mitady ny Soratra Masina ianareo satria heverinareo fa ao amin'ireo no anananareo fiainana mandrakizay, ary ireo Soratra Masina ireo ihany no manambara momba Ahy, [40]kanefa tsy vonona ny hanatona Ahy ianareo mba hanananareo fiainana.
[41]Tsy mandray laza avy amin'ny olona Aho, [42]satria fantatro fa tsy misy fitiavana an'Andriamanitra ao aminareo.
[43]Tonga amin'ny anaran'ny Raiko Aho, nefa tsy raisinareo. Raha misy hafa tonga amin'ny anarany manokana, dia ho raisinareo izy. [44]Ahoana no hinoanareo, ianareo izay mandray laza avy amin'ny olon-kafa kanefa tsy mitady ny laza izay avy amin'Andriamanitra tokana?
[45]Aza mieritreritra hoe Izaho no hiampanga anareo anatrehan'ny Ray. Ilay iray miampanga anareo dia Mosesy, izay nametrahanareo ny fanantenanareo. [46]Raha nino an'i Mosesy ianareo dia tokony hino Ahy, satria nanoratra ny momba Ahy izy. [47]Raha tsy mino ireo nosoratany ianareo, dia ataonareo ahoana no hino ny teniko?

---

[1]Fanamarihana: Ny antontan-taratasy taloha tsara indrindra dia manala ny fehezanteny hoe: "Miandry ny fihetsehin'ny rano"
[2]Fanamarihana: Ny antontan-taratasy taloha tsara indrindra dia manala ny and. 4 hoe: "Fa nisy anjelin'ny Tompo iray nidina ka nampihetsika ny rano indraindray ary na iza na iza nandroso nankao rehefa nihetsika ny rano dia sitrana tamin'ireo aretina izay namparary azy na inona na inona."

---

6 [1]Taorian'ireo zavatra ireo, dia lasa niampita ny ranomasin'i Galilia Jesosy, antsoina ihany koa hoe ranomasin'i Tiberiasy. [2]Nisy vahoaka maro nanaraka Azy satria hitan'izy ireo ny famantarana izay nataony tamin'ireo narary.
[3]Niakatra an-tendrimbohitra Jesosy ary nipetraka teny niaraka tamin'ireo mpianany Izy.
[4](Ary ny Paska, ilay andro firavoravoan'ny Jiosy, dia efa akaiky.) [5]Rehefa nijery ambony Jesosy ka nahita vahoaka maro be nanatona Azy, dia hoy Izy tamin'i Filipo hoe: "Aiza no hividianantsika mofo mba hafahan'izy ireo mihinana?" [6](Fa Jesosy niteny izany mba hitsapana an'i Filipo, fa efa fantany izay ho ataony.)
[7]Ary Filipo namaly Azy hoe: "Na dia mofo roanjato dinaria aza tsy ho ampy ho an'ny tsirairay na dia kely avy aza." [8]Iray tamin'ireo mpianatra, Andrea, rahalahin'i Simona Petera, nilaza tamin'i Jesosy hoe: [9]"Misy lehilahy iray eto manana mofo dimy sy hazandrano roa, fa inona ireo manoloana ireto olona maro?"
[10]Ary Jesosy nilaza hoe: "Asaivo mipetraka ny olona" (Ary feno ahitra teo amin'ilay toerana.) Ka dia nipetraka ireo olona, teo amin'ny dimy arivo teo ny isany. [11]Avy eo Jesosy naka ireo mofo ka rehefa avy nisaotra, dia nizara izany tamin'ireo izay nipetraka teo. Tahaka izany ihany koa no nataony tamin'ny hazandrano, maro araka izay nilain'izy ireo. [12]Rehefa voky ny olona, dia hoy Izy tamin'ireo mpianany hoe: "Angony ireo sombintsombiny tavela, mba tsy hisy ho very."
[13]Ka dia nangonin'izy ireo izany ka nahafeno harona roa ambin'ny folo ny sombintsombina mofo dimy sisa navelan'ireo nihinana. [14]Avy eo, rehefa nahita izany famantarana nataony izany ny olona, dia hoy izy ireo hoe: "Ity tokoa ilay mpaminany izay tonga ho ety amin'izao tontolo izao." [15]Rehefa hitan'i Jesosy fa ho avy izy ireo haka Azy sy hanandratra Azy an-keriny ho mpanjaka, dia niverina teny an-tendrimbohitra irery indray Izy.
[16]Rehefa ariva ny andro, dia nidina teny amin'ny ranomasina ireo mpianany. [17]Nankao anaty sambokely izy ireo, ka niampita ny ranomasina ho any Kapernaomy. Efa maizina tamin'izay, ary Jesosy mbola tsy tonga teo amin'izy ireo ihany.
[18]Nisy rivotra nitsoka mafy, ary niha-nahery ny ranomasina.
[19]Rehefa nivoy teo amin'ny dimy amby roapolo na telopolo stadio teo izy ireo, dia nahita an'i Jesosy nandeha teo amin'ny ranomasina ary nanakaiky ny sambokely, ka dia natahotra izy ireo. [20]Fa hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Izao ihany ity! Aza matahotra." [21]Avy eo dia vonona ny handray Azy tao amin'ilay sambokely izy ireo, ary teo no eo dia tonga teny amin'ilay toerana alehan'izy ireo ilay sambokely.
[22]Ny ampitso, hitan'ireo vahoaka izay nitsangana teny ampitan'ny ranomasina fa tsy nisy sambokely hafa teo afa-tsy ilay iray ihany, ary Jesosy tsy niditra tao niaraka tamin'ireo mpianany fa nandeha irery ireo mpianany. [23]Kanefa, nisy sambokely maromaro avy any Tiberiasy teo akaikin'ilay toerana izay nihinanan'izy ireo ny mofo rehefa avy nisaotra ny Tompo.
[24]Rehefa hitan'ny vahoaka fa tsy teo na Jesosy na ireo mpianany, dia niditra tao anaty sambokely izy ireo ary nakeny Kapernaomy hitady an'i Jesosy. [25]Rehefa hitan'izy ireo teny ampitan'ny renirano Izy, dia hoy izy ireo taminy hoe: "Raby, oviana Ianao no tonga teto?"
[26]Jesosy namaly azy ireo, nanao hoe: "Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa mitady Ahy ianareo, tsy nohon' ny nahitanareo famantarana, fa nohon'ny nihinanareo ny mofo ka voky. [27]Aza miasa ho an'ny hanina mety levona, fa miasà ho an'ny hanina izay maharitra ho an'ny fiainana mandrakizay izay homen'ny Zanak'Olona anareo, satria Andriamanitra Ray no nanisy tombo-kase taminy."
[28]Avy eo dia hoy izy ireo taminy hoe: "Inona no tsy maintsy hataonay, mba hanaovanay ireo asan' Andriamanitra?"
[29]Jesosy namaly ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Izao no asan'Andriamanitra: dia ny hinoanareo ilay iray izay nirahiny."
[30]Ka hoy izy ireo taminy hoe: "Inona ary no famantarana ho ataoano, mba hahitanay sy hinoanay anao? Inona no ho ataonao? [31]Ny raibenay nihinana ny mana tany an'efitra, araky ny voasoratra hoe: 'Nomeny mofo avy any an-danitra izy ireo hoanina.'"

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[32]Avy eo Jesosy namaly azy ireo hoe: "Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa tsy Mosesy no nanome anareo ny mofo avy any an-danitra, fa ny Raiko no manome anareo ny tena mofo avy any an-danitra. [33]Satria ny mofon'Andriamanitra dia ilay midina avy any an-danitra ka manome fiainana ho an'izao tontolo izao." [34]Ka hoy izy ireo taminy hoe: "Tompoko, omeo anay mandrakariva izany mofo izany."
[35]Dia hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Izaho no mofon'ny fiainana; izay manatona Ahy tsy mba ho noana intsony, ary izay mino Ahy tsy hangetaheta intsony. [36]Kanefa efa nolazaiko taminareo fa nahita Ahy ihany ianareo, nefa tsy mino. [37]Ny rehetra izay omen'ny Raiko Ahy dia hanatona Ahy, ary izay manatona Ahy dia tsy mba ho ariako.
[38]Fa nidina avy any an-danitra aho, tsy mba hanao ny sitrapoko manokana, fa ny sitrapon'Izy izay naniraka Ahy. [39]Ary izao no sitrapon'Izy izay naniraka Ahy, dia ny tsy hanariako izay rehetra nomeny Ahy, fa hanangana azy ireo amin'ny andro farany. [40]Satria izao no sitrapon'ny Raiko, dia ny mba hahazoan'ny rehetra izay mahita ny Zanaka sy mino Azy ny fiainana mandrakizay ary ho hatsangako amin'ny andro farany izy.
[41]Avy eo nimonomonona momba Azy ireo Jiosy satria Izy nilaza hoe: "Izaho no mofo nidina avy any an-danitra." [42]Ary hoy izy ireo hoe: "Tsy ilay Jesosy zanak'i Josefa ve io, izay fantatsika ny ray aman-dreniny? Ahoana ary no ilazany hoe: 'Nidina avy any an-danitra Aho'?"
[43]Jesosy namaly ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Ajanony ny fimonomononana eo anivonareo. [44]Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy ny Ray izay naniraka Ahy no mitaona azy, ary ho hatsangako izy amin'ny andro farany. [45]Izany dia voasoratra ao amin'ny bokin'ny mpaminany hoe: 'Hampianarin'Andriamanitra izy rehetra.' Izay rehetra nandre sy nianatra tamin'ny Ray no manatona Ahy.
[46]Tsy nisy nahita ny Ray, afa-tsy izay avy amin'Andriamanitra, izy no nahita ny Ray. [47]Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa izay mino no manana fiainana mandrakizay.
[48]Izaho no mofon'ny fiainana. [49]Ny Raibenareo nihinana ny mana tany an'efitra, ary maty izy ireo.
[50]Ity no mofo nidina avy any an-danitra, mba tsy ho faty izay mihinana amin'izany. [51]Izaho no mofo velona nidina avy any an-danitra. Raha misy olona mihinana amin'ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy. Ny mofo izay homeko no nofoko ho an'ny fiainan'izao tontolo izao."
[52]Niha-tezitra ireo Jiosy ka nanomboka niady hevitra, nanao hoe: "Ahoana no afahan'io lehilahy io manome antsika ny nofony hoanina?" Ary hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: [53]"Lazaiko aminareo marina, dia marina tokoa, fa raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'Olona ianareo sy misotro ny ràny, dia tsy hanana fiainana ao aminareo.
[54]Na iza na iza mihinana ny nofoko sy misotro ny ràko dia manana fiainana mandrakizay, ary hatsangako izy amin'ny andro farany. [55]Fa ny nofoko no tena fihinana, ary ny ràko no tena fisotro. [56]Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny ràko no mitoetra ao Amiko, ary Izaho ao aminy.
[57]Tahaka ny nanirahan'ny Ray velona Ahy, sy tahaka ny hivelomako nohon'ny Ray, izay mihinana Ahy, dia ho velona ihany koa nohon'ny Amiko. [58]Ity ilay mofo nidina avy any an-danitra, tsy tahaka ny Raibe nihinana ka maty. Izay mihinana ity mofo ity dia ho velona mandrakizay." [59]Fa Jesosy nilaza ireo zavatra ireo tao amin'ny synagoga rehefa nampianatra tao Kapernaomy Izy.
[60]Ary maro tamin'ireo mpianany izay nandre izany no nilaza hoe: "Fampianarana sarotra izany; iza no afaka anaiky izany?" [61]Jesosy, noho Izy nahalala tao aminy fa nimonomonona tamin'izany ireo mpianany, nilaza azy ireo hoe: "Manafitohina anareo ve izany?
[62]Koa ahoana raha tokony hahita ny Zanak'Olona miakatra any amin'ny nitoerany taloha ianareo? [63]Ny Fanahy no manome fiainana; ny nofo tsy ahazoana na inona na inona. Ireo teny izay nolazaiko taminareo dia fanahy, ary fiainana ireo.
[64]Mbola misy sasany aminareo tsy mino." Fa Jesosy efa nahalala hatramin'ny voalohany izay tsy hino sy izay hamadika Azy. [65]Hoy Izy hoe: "Noho izany no nilazaiko taminareo fa tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy nomen'ny Ray Azy izany."
[66]Noho izany, maro tamin'ireo mpianany no lasa ary tsy niara-dia taminy intsony. [67]Dia hoy Jesosy tamin'ireo roa ambin'ny folo hoe: "Tsy te-andeha koa ve ianareo, sa tsia?" [68]Ary Simona Petera namaly Azy hoe: "Tompo, ho any amin'iza moa izahay? Ianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay, [69]ary nino izahay ka manatona mba hahalala fa Ianao no ilay Masin'Andriamanitra."
[70]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Tsy Izaho ve no nifidy anareo, roa ambin'ny folo, ary ny iray aminareo dia devoly?" [71]Ary Jodasy zanak'i Simona Iskariota no resahany, satria izy, ilay iray amin'izy roa ambin'ny folo, izay hamadika an'i Jesosy.

7 [1]Taorian'ireo zavatra ireo Jesosy dia nandeha tany Galilia, fa tsy te-ho any Jodia anefa Izy noho ireo Jiosy mitady hamono Azy. [2]Ary efa akaiky ny andro firavoravoan'ny Jiosy ny Tabernakely.
[3]Noho izany ireo rahalahiny niteny taminy hoe: "Mialà amin'ity toerana ity ary mandehàna any Jodia, mba hafahan'ireo mpianatrao mahita ireo asa ataonao ihany koa. [4]Tsy misy olona manao zavatra miafina izany raha izy tenany ary te-ho fantatra ampahibemaso. Raha manao ireo zavatra ireo ianao, dia misehoa amin'izao tontolo izao."
[5]Fa na ireo rahalahiny aza tsy nino Azy. [6]Noho izany Jesosy niteny azy ireo hoe: "Mbola tsy tonga ny fotoako, fa ny fotoanareo kosa dia vonona lalandava. [7]Tsy afaka ny hankahala anareo izao tontolo izao, fa Izaho no halany satria manambara fa ratsy ireo asany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Ianareo miakara any amin'ny firavoravoana; fa Izaho kosa tsy handeha amin'izany satria tsy mbola tonga ny fotoako."
[9]Taorian'ny nitenenany ireo zavatra ireo azy ireo, dia nijanona tao Galilia Izy.
[10]Fa rehefa niakatra tany amin'ny firavoravoana ireo rahalahiny, dia niakatra tany ihany koa Izy avy eo, tsy nisehoseho fa niafina. [11]Nitady azy tany amin'ny firavoravoana ireo Jiosy ary niteny hoe: "Aiza Izy?"
[12]Nisy resaka be dia be momba Azy teo anivon'ireo vahoaka. Ny sasany milaza fa: "Lehilahy tsara Izy." Ireo hafa miteny hoe: "Tsia, mitarika ny vahoaka any amin'ny fahaverezana Izy." [13]Ary tsy nisy sahy niresaka ampahibemaso momba Azy nohon'ny fatahorana ireo Jiosy.
[14]Rehefa nisasaka ny firavoravoana, dia niakatra tany amin'ny Tempoly Jesosy ary nanomboka nampianatra. [15]Avy eo dia gaga ireo Jiosy, manao hoe: "Ahoana no hahaizan'io lehilahy io izany rehetra izany? Izy tsy mba nandalo fianarana mihintsy." [16]Jesosy namaly azy ireo ary nanao hoe: "Tsy Ahy ny fampianarako, fa avy amin'Izy izay naniraka Ahy.
[17]Raha misy olona maniry hanao ny sitrapony, dia hahafantatra momban'io fampianarana io izy, na avy amin'Andriamanitra izany, na Izaho no miteny avy amin'ny tenako. [18]Na iza na iza miteny avy amin'ny tenany dia mitady ny voninahitry ny tenany manokana, fa na iza na iza mitady ny voninahitr'izay naniraka azy, dia io olona io no marina, ary tsy misy tsy fahamarinana ao aminy.
[19]Tsy nomen'i Mosesy anareo ve ny lalàna? Kanefa tsy misy aminareo mitandrina ny lalàna. Nahoana ianareo no mitady hamono Ahy?" [20]Namaly ny vahoaka hoe: "Ianao dia misy demonia. Iza koa no mitady hamono anao?"
[21]Jesosy namaly ka niteny azy ireo hoe: "Asa iray no nataoko, ary dia gaga noho izany avokoa ianareo. [22]Nomen'i Mosesy ny famoràna ianareo (tsy hoe avy amin'i Mosesy izany, fa avy amin'ireo razana), ary amin'ny Sabata dia mamora olona ianareo.
[23]Raha amin'ny Sabata no amoràna ny olona mba tsy ho voadika ny lalàn'i Mosesy, dia nahoana ianareo no tezitra amiko raha nanasitrana tanteraka olona iray tamin'ny Sabata Aho? [24]Aza mitsara amin'ny endrika ivelany, fa mitsarà am-pahamarinana."
[25]Nisy sasany tamin'ireo avy any Jerosalema niteny hoe: "Tsy ity ve ilay tadiavin'izy ireo ho vonoina?" [26]Jereo, miresaka miharihary Izy, ary tsy misy miteny na inona na inona Azy izy ireo. Dia ho fantatrin'ny mpitondra tokoa ve fa Izy no Kristy, sa ahoana? [27]Efa fantantsika hoe avy aiza io lehilahy io. Fa rehefa tonga ilay Kristy, dia tsy hisy hahafantatra hoe avy aiza Izy."
[28]Avy eo nihiaka mafy Jesosy tao an-Tempoly, nampianatra ary niteny hoe: "Ianareo dia samy mahafantatra ny tenako ary mahalala ny fihaviko. Tsy tonga nohon'ny tenako manokana Aho, fa ilay naniraka Ahy dia marina, ary tsy fantatrareo Izy.
[29]Fantatro Izy satria Izaho dia avy aminy ary Izy no naniraka Ahy".
[30]Niezaka ny hisambotra Azy izy ireo, fa tsy nisy naninji-tanana taminy satria tsy mbola tonga ny fotoany. [31]Kanefa maro tamin'ireo vahoaka no nino Azy, ary hoy izy ireo hoe: "Rehefa tonga ilay Kristy, moa hanao famantarana maro noho ny vitan'io lehilahy io ve Izy?" [32]Nandre ny vahoaka nibitsibitsika ireo zavatra momban'i Jesosy ireo ny Fariseo, ary ny lohan'ny mpisorona sy ireo Fariseo dia naniraka mpiandry raharaha hisambotra Azy.
[33]Hoy Jesosy avy eo hoe: "Kely sisa ny fotoana hiarahako aminareo, dia handeha ho any amin'ilay naniraka Ahy Aho.
[34]Hitady Ahy ianareo fa tsy hahita Ahy; izay halehako, tsy ho azonareo aleha."
[35]Noho izany ireo Jiosy dia nifampiresaka hoe: "Fa handeha ho aiza io lehilahy io no tsy ho vitantsika ny hitady Azy? Handeha ho any amin'ireo izay niparitaka nakany amin'i Grika dia hananatra ireo Grika ve? [36]Ary inona ny dikan'ny teny nolazainy hoe: 'Hitady Ahy ianareo fa tsy hahita Ahy; izay haleako, tsy ho azonareo aleha'?"
[37]Ary tamin'ny farany, andro lehibe amin'ny firavoravona, dia nitsangana Jesosy ary niteny mafy, manao hoe: "Raha misy mangetaheta, avelao izy hanatona Ahy ary hisotro. [38]Izay mino Ahy, araka ny voalazan'ny Soratra Masina, dia hikoriana avy ao an-kibony ny onin'ny rano velona."
[39]Fa izao no ambarany momban'ny Fanahy, ireo izay nino Azy no handray; ilay Fanahy dia tsy mbola nomena satria tsy mbola nahazo voninahitra Jesosy.
[40]Ny sasany tamin'ireo vahoaka, rehefa nandre ireo teny ireo, dia niteny hoe: "Ity tokoa ilay mpaminany." [41]Ireo hafa nilaza hoe: "Ity ilay Kristy." Fa ny sasany niteny hoe: "Fa angaha Kristy avy any Galilia? [42]Tsy voalazan'ny Soratra Masina ve fa Kristy dia ho avy amin'ny taranak'i Davida ary avy ao Betlehema, ilay tanàna izay nisy an'i Davida?"
[43]Ka nisy fizarana teo amin'ny vaohaka noho Izy. [44]Ny sasany tamin'izy ireo te-hisambotra Azy, fa tsy nisy naninji-tanana taminy.
[45]Avy eo ireo mpiandry raharaha niverina tany amin'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo Fariseo, izay nilaza tamin'izy ireo hoe: "Nahoana ianareo no tsy nitondra Azy?" [46]Namaly ireo mpiandry raharaha hoe: "Tsy mbola nisy niresaka tahaka izany mihintsy."
[47]Noho izany ireo Fariseo namaly azy ireo hoe: "Voafitaka ihany koa ve ianareo? [48]Moa nisy tamin'ireo mpanapaka mba nino Azy, na tamin'ireo Fariseo? [49]Fa ireo vahoaka ireo dia tsy mahalala ny lalàna, voaozona ireo."
[50]Nikodemosy (iray amin'ireo Fariseo, izay tonga mialoha teo aminy), nilaza hoe: [51]"Moa ve ny lalàntsika mitsara olona mialohan'ny handrenesana azy ka ahafantarana izay nataony?" [52]Namaly izy ireo ary niteny taminy hoe: "Avy any Galilia koa angaha ianao? Mikaroha ary jereo fa tsy misy mpaminany avy any Galilia."
[53] [1]Avy eo ny tsirairay nankany an-tranony avy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

8 [1]1Nankany an-tendrombohitr'i Oliva Jesosy. [2]Vao maraina dia nakeny an-tempoly indray Izy, ary ny olona rehetra
nanatona Azy; nipetraka Izy ary nampianatra azy ireo. [3]Ireo mpanora-dalàna sy ireo Fariseo dia nitondra vehivavy
iray tratra nijangajanga. Napetrak'izy ireo teo afovoany izy.
[4]2Avy eo hoy izy ireo taminy hoe: "Ry mpampianatra ô, ity vehivavy ity dia tratra teo am-pijangajangana. [5]Ary ao amin'ny
lalàna, Mosesy nibaiko anay mba hitora-bato ny olona tahaka izany; inona no ambaranao momba azy?" [6]Nolazain'izy ireo
hamandrihana Azy fotsiny anefa izany mba afahan'izy ireo manameloka Azy, fa Jesosy kosa niondrika ary nanoratra
tamin'ny tany tamin'ny ratsan-tanany.
[7]3Rehefa nametraka fanontaniana taminy hatrany izy ireo, dia nitsangana Izy ka niteny azy ireo hoe: "Izay tsy nanota
taminareo, aoka izy no hitora-bato azy voalohany." [8]Dia niondrika indray Izy, ary nanoratra tamin'ny tany tamin'ny
ratsan-tanany.
[9]4Rehefa nandre izany izy ireo, dia niala tsirairay, nanomboka tamin'ny zokiny indrindra. Ary ny farany dia Jesosy irery
ihany sisa no tavela teo, niaraka tamin'ilay vehivavy izay teo afovoany. [10]Nitsangana Jesosy ka nilaza taminy hoe:
"Ravehivavy, fa lasa aiza ireo mpanameloka anao? Tsy misy manameloka anao ve?" [11]Hoy izy hoe: "Tsy misy, Tompoko."
Ary hoy Jesosy hoe: "Tsy manameloka anao Aho. Mandehana ary aza manota intsony."
[12]Niteny tamin'izy ireo indray Jesosy, manao hoe: "Izaho no fahazavan'izao tontolo izao; izay manaraka Ahy dia tsy
handeha amin'ny haizina fa hanana ny fahazavan'ny fiainana." [13]Hoy ireo fariseo taminy hoe: "Ianao dia manambara ny
tenanao; tsy marina ny fanambaranao."
[14]Jesosy namaly ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Na dia manambara ny tenako aza Aho, dia marina ny fanambarako.
Fantatro ny nihaviako sy ny lalana alehako, fa ianareo kosa tsy mahafantatra izay nihaviako na izay alehako. [15]Ianareo
dia mitsara araky ny nofo; fa Izaho tsy mitsara na iza na iza. [16]Na dia mitsara aza Aho; dia marina ny fitsarako satria tsy
irery Aho, fa miaraka amin'ny Ray izay naniraka Ahy.
[17]Eny, ary ao amin'ny lalànareo dia voasoratra fa marina ny fijoroan'ny olon-droa vavolombelona. [18]Izaho no manambara
ny tenako, ary ny Ray izay naniraka Ahy ihany koa dia manambara Ahy."
[19]Hoy izy ireo taminy hoe: "Aiza ny rainao?" Jesosy namaly hoe: "Tsy fantatrareo na Izaho na ny Raiko; raha nahafantatra
Ahy ianareo, dia mahafantatra ny Raiko ihany koa." [20]Teo akaikin'ny fandatsahan-drakitra Izy no nilaza izany teny izany
raha iny Izy nampianatra teo amin'ny tempoly iny, ary tsy nisy nisambotra Azy satria tsy mbola tonga ny orany.
[21]Ary hoy indray Izy tamin'izy ireo hoe: "Andeha Aho; hitady Ahy ianareo ary ho faty amin'ny fahotanareo. Izay alehako,
dia tsy ho azonareo haleha." [22]Hoy ireo Jiosy hoe: "Hamono tena ve Izy? Izany ve no antony nilazany hoe: 'Izay alehako,
dia tsy azonareo haleha'?"
[23]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Avy ety ambany ianareo; Izaho kosa avy any ambony. Avy amin'izao tontolo izao ianareo;
fa Izaho tsy avy amin'izao tontolo izao. [24]Noho izany, nambarako taminareo fa ho faty ao amin'ny fahotanareo ianareo. Fa
raha tsy mino ianareo fa IZAHO NO IZY, dia ho faty amin'ny fahotanareo ianareo."
[25]Noho izany dia hoy izy ireo taminy hoe: "Iza moa Ianao?" Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Araka izay voalazako
taminareo hatrany am-boalohany. [26]Manana zavatra betsaka ho lazaina sy hitsaràna momba anareo Aho. kanefa, Izy izay
naniraka Ahy dia marina; ary ireo zavatra izay reko avy taminy, dia hambarako amin'izao tontolo izao." [27]Tsy azon'izy
ireo anefa fa Izy dia niresaka tamin'izy ireo momba ny Ray.
[28]Hoy Jesosy hoe: "Rehefa asandratrareo ny Zanak'Olona, dia ho fantatrareo fa izaho no IZY, ary tsy manao na inona na
inona ho Ahy Aho. Araka ny nampianarin'ny Ray Ahy, no hilazako ireo zavatra ireo. [29]Izy izay naniraka Ahy dia miaraka
amiko, ary tsy namela Ahy ho irery Izy, noho Izaho manao izay ankasitrahany mandrakariva." [30]Raha nilaza ireo zavatra
ireo Jesosy, dia betsaka no nino Azy.
[31]Jesosy niteny tamin'ireo Jiosy izay nino Azy hoe: "Raha mitoetra amin'ny teniko ianareo, dia ho tena mpianatro; [32]ary ho
fantatrareo ny marina, ary ny marina hanafaka anareo." [33]Ary izy ireo namaly Azy hoe: "Taranak'i Abrahama izahay ary
tsy mbola nandevozin'iza na iza hatrizay; koa ahoana no hilazanao hoe: 'Ho afaka ianareo'?"
[34]Jesosy namaly azy ireo hoe: "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa ireo izay manota dia andevon'ny ota. [35]Ny
andevo dia tsy mitoetra ao an-trano mandrakizay; fa ny zanaka no mitoetra mandrakizay. [36]Noho izany, raha ny Zanaka
no manafaka anareo, dia ho afaka tokoa ianareo.
[37]Fantatro fa taranak'i Abrahama ianareo; mitady izay hahafaty Ahy satria tsy manana toerana ao aminareo ny teniko.
[38]Milaza izay hitako niaraka tamin'ny Raiko Aho, ary ianareo koa manao izay renareo tamin'ny rainareo."
[39]Namaly izy ireo ka nilaza taminy hoe: "Abrahama no rainay." Jesosy niteny azy ireo hoe: "Raha zanak'i Abrahama
ianareo, dia hanao ny asan'i Abrahama. [40]Kanefa, ankehitriny ianareo mitady hamono Ahy, izay lehilahy nilaza taminareo
ny marina izay reko tamin'Andriamanitra. Abrahama tsy nanao izany. [41]Ianareo dia manao ny asan'ny rainareo." Hoy izy
ireo taminy hoe: "Tsy teraka tamin'ny fijangajangana izahay; iray ihany ny Rainay: dia Andriamanitra."
[42]Jesosy niteny azy ireo hoe: "Raha Andriamaitra no rainareo, dia tokony ho tia Ahy ianareo, satria avy
tamin'Andriamanitra no nivoahako sy nandehanako aty; fa tsy tonga ho azy Aho, fa Izy no naniraka Ahy. [43]Nahoana no tsy
azonareo ny teniko? Izany dia satria tsy afaka hanaiky ny teniko ianareo. [44]Avy amin'ny rainareo ianareo, ilay devoly, ary
ny tianareo atao dia ny filàna izay nataon'ny rainareo. Mpamono olona hatramin'izay izy ary tsy mijoro amin'ny

fahamarinana satria tsy misy marina ao aminy. Rehefa mandainga Izy, dia ny toetra fanaony ihany no lazainy satria mpandainga Izy ary rain'ny lainga.
[45]kanefa, satria milaza ny marina Aho, dia tsy mino Ahy ianareo. [46]Iza aminareo no manameloka Ahy amin'ny fahotana? Raha milaza ny marina Aho, nahoana no tsy hinoanareo? [47]Izay avy amin'Andriamanitra dia mandre ny tenin' Andriamanitra; tsy mandre izany ianareo satria tsy avy amin'Andriamanaitra."
[48]Namaly ireo Jiosy ka niteny taminy hoe: "Moa ve tsy milaza ny marina izahay fa Samaritana Ianao ary misy demonia?"
[49]Jesosy namaly hoe: "Tsy misy demonia aho, fa manome voninahitra ny Raiko, ary ianareo tsy manome voninahitra Ahy.
[50]Tsy mitady ny voninahitro Aho; misy iray mitady sy mitsara. [51]Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa raha misy mitandrina ny teniko, dia tsy hahita fahafatesana mandrakizay izy."
[52]Hoy ireo jiosy taminy hoe: "Ankehitriny fantatray fa manana demonia Ianao. Efa maty Abrahama sy ireo mpaminany; kanefa ianao milaza hoe: 'Raha misy mitandrina ny teniko, dia tsy hahita fahafatesana mandrakizay izy.' [53]Tsy lehibe noho ny rainay Abrahama izay efa maty Ianao, sa ve lehibe? Ireo mpaminany ihany koa dia maty. Manao ny tenanao ho Iza moa Ianao?"
[54]Jesosy namaly hoe: "Raha mankalaza ny tenako Aho, dia ho tsinotsinona ny voninahitro; ny Raiko izay ataonareo ho Andriamanitra no mankalaza Ahy. [55]Tsy fantatrareo Izy, fa Izaho mahafantatra Azy. Raha milaza Aho hoe: 'Tsy mahafantatra Azy Aho,' dia ho tahaka anareo, mpandainga. Kanefa, fantatro Izy ka mitandrina ny teniny Aho. [56]Ny rainareo dia nifaly nahita ny androko; nahita izany izy dia faly."
[57]Hoy ireo Jiosy taminy hoe: "Mbola tsy misy dimampolo taona akory Ianao, ka dia ho efa nahita an'i Abrahama ve?" [58]Ary hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, talohan'ny nahaterahan'i Abrahama, dia Izaho no Izy." [59]Avy eo dia naka vato hatoraka Azy izy ireo, fa Jesosy kosa niery ka nivoaka ny tempoly.

---

[1]Fanamarihana: Jereo ny fanamarihana momban'i Jaona 7:53-8:11 etsy ambony
[2]Fanamarihana: Jereo ny fanamarihana momban'i Jaona 7:53-8:11 etsy ambony
[3]Fanamarihana: Jereo ny fanamarihana momban'i Jaona 7:53-8:11 etsy ambony
[4]Fanamarihana: Jereo ny fanamarihana momban'i Jaona 7:53-8:11 etsy ambony

---

9 [1]Ary raha nandalo Jesosy, dia nahita lehilahy jamba hatramin'izy vao teraka. [2]Nanontany Azy ireo ny mpianany hoe: "Raby, iza re no nanota, io lehilahy io sa ireo ray aman-dreniny, no dia teraka jamba tahaka izao izy?"
[3]Jesosy namaly hoe: "Tsy io lehilahy io no nanota, na ny ray aman-dreniny, fa natao izao mba hanehoana aminy ny asan'Andriamanitra. [4]Tsy maintsy manao ny asan'izay naniraka Ahy isika raha mbola mazava. Fa ho avy ny alina izay tsy afahan'iza na iza miasa intsony. [5]Raha mbola eto amin'izao tontolo izao Aho, dia Izaho no fahazavan'izao tontolo izao."
[6]Rehefa avy niteny izany Jesosy, dia nandrora tamin'ny tany, ary nanao feta tamin'ilay rora, ka nanosotra ny fotaka tamin'ny mason'ilay lehilahy. [7]Hoy Izy taminy hoe: "Mandehana, sasao eny amin'ny ranon'ny Siloama (izay adika hoe: nirahina) ny masonao." Ka lasa ralehilahy, nanasa izany, ary niverina nahiratra.
[8]Ary nifampanontany ireo olona mpiray vody rindrina tamin-dralehilahy sy ireo izay nahita azy nangataka taloha nanao hoe: "Tsy ity ve ilay lehilahy nipetraka nangataka teto?" [9]Ny sasany nanao hoe: "Izy io." Ary ny hafa nilaza hoe: "Tsia, fa mitovy aminy ihany izy." Fa izy kosa nanao hoe: "Izaho ity."
[10]Hoy izy ireo taminy hoe: "Koa ahoana ary no nahiratan'ny masonao?" [11]Namaly izy hoe: "Ilay lehilahy antsoina hoe Jesosy no nanao feta ary nonosotra izany tamin'ny masoko ka niteny tamiko hoe: 'Mandehana any Siloama ary sasao ny masonao.' Dia nandeha aho ary nanasa izany, ka nahiratra." [12]Hoy izy ireo taminy hoe: "Aiza Izy?" Dia novaliany hoe: "Tsy fantatro."
[13]Nentin'izy ireo teo amin'ny fariseo ilay lehilahy izay jamba taloha. [14]Tamin'ny andro Sabata moa no nanaovan'i Jesosy ny feta sy nampahiratany ny masony. [15]Ary nanontany azy indray ireo Fariseo ny amin'ny fomba nahiratany. Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Nasiany feta ny masoko, nosasako, ka mahita aho izao."
[16]Ny sasany tamin'ireo fariseo niteny hoe: "Tsy avy amin'Andriamanitra ity lehilahy ity satria tsy mba manaja ny andro Sabata." Ny hafa nanao hoe: "Ahoana no afahan'ny olona mpanota manao famantarana lehibe tahaka izao?" Ka dia nisy fizarazarana teo amin'izy ireo. [17]Ka dia niverina nanontany ilay lehilahy jamba indray izy ireo hoe: "Inona no hambaranao momba Azy, hatramin'ny nampahiratany ny masonao?" Hoy ilay lehilahy jamba hoe: "Mpaminany Izy." [18]Ary mbola tsy nino ny momba azy ihany ireo Jiosy hoe izy dia efa jamba ka nahiratra raha tsy niantso ny ray aman-drenin'ilay lehilahy nahiratra izy ireo.
[19]Nanontany ireo ray aman-dreny izy ireo hoe: "Ity ve ilay zanakareo izay lazainareo fa hoe teraka jamba? Koa ahoana ary no ahitany izao?" [20]Ary dia novalian'ireo ray aman-deniny izy ireo hoe: "Fantatray fa zanakay io sady teraka jamba izy. [21]Saingy ny amin'ny nahitany, tsy fantatray, ary izay nampahiratra ny masony, tsy fantatray. Anontanio azy, efa lehibe izy. Afaka milaza ho an'ny tenany izy."
[22]Nilaza izany ireo ray aman-dreniny, satria natahotra ireo jiosy izy ireo. Satria efa nifanaiky ireo jiosy fa raha misy manaiky Azy ho Kristy, dia ho roahina hiala ao amin'ny synagoga izy. [23]Nohon'ny amin'izany, no nilazan'ireo ray aman-dreniny hoe: "Efa lehibe izy, izy no anontanio."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Ary niantso ilay lehilahy jamba taloha fanindroany indray izy ireo dia niteny taminy hoe: "Omeo voninahitra
Andriamanitra. Fantatray fa mpanota izany lehilahy izany." [25]Avy eo dia namaly ilay lehilahy hoe: "Tsy fantatro aloha
raha mpanota Izy. Ny hany fantatro dia izao: efa jamba aho taloha, fa ankehitriny aho mahita."
[26]Avy eo dia hoy izy ireo taminy hoe: "Fa inona no nataony taminao? Ahoana ny fomba nampahiratany ny masonao?"
[27]Dia namaly izy hoe: "Efa nambarako taminareo, fa tsy nihaino ianareo! Ka nahoana ianareo no te-hihaino izany indray?
Te-ho isan'ny mpianany ihany koa ve ianareo, sa tsy izany?"[28]Naneso azy izy ireo ka niteny hoe: "Ianao no mpianany, fa
izahay mpianatr'i Mosesy. [29]Fantatray fa efa niresaka tamin'i Mosesy Andriamanitra, fa raha izany lehilahy izany dia tsy
fantatray izay nihaviany."
[30]Dia namaly ilay lehilahy ka nanao tamin'izy ireo hoe: "Mahagaga izany, tsy fantatrareo izay niaviany, kanefa
nampahiratra ny masoko Izy. [31]Fantatsika fa tsy mihaino ireo mpanota Andriamanitra, fa raha misy mazoto mivavaka sy
manao ny sitrapony, dia mihaino azy Izy.
[32]Hatramin'ny niantombohan'izao tontolo izao dia tsy mbola re mihintsy hoe nisy nampahiratra ny mason'izay teraka
jamba. [33]Koa raha tsy avy amin'Andriamanitra izany lehilahy izany, dia tsy mahefa na inona na inona." [34]Ary dia namaly
izy ireo ka nanao taminy hoe: "Tena teraka tamin'ny ota ianao, dia ianao indray ve no hampianatra anay?" Avy eo dia
noroahin'izy ireo hivoaka izy.
[35]Ren'i Jesosy fa noroahin'izy ireo tao amin'ny synagoga izy. Ary Izy nahita azy dia niteny hoe: "Mino ny Zanak'Olona ve
ianao?" [36]Namaly izy hoe: "Iza moa no Izy, Tompo, mba hinoako Azy?" [37]Jesosy nanao taminy hoe: "Efa nahita Azy ianao,
ary ilay iray izay miresaka aminao izao izany." [38]Hoy ilay lehilahy hoe: "Tompo, mino aho." ary dia nidera Azy izy.
[39]Jesosy nilaza hoe: "Fa fitsarana no nahatongavako eto amin'izao tontolo izao mba hahiratra ireo izay jamba ary mba ho
tonga jamba ireo izay mahiratra." [40]Nandre izany ny sasany tamin'ireo Fariseo izay niaraka taminy ka nanontany Azy
hoe: "Ary izahay ihany koa ve jamba?" [41]Fa Jesosy niteny tamin'izy ireo hoe: "Raha jamba ianareo, dia tsy ho nanan-
keloka, fa ianareo kosa ankehitriny milaza hoe: 'Mahiratra izahay,' dia mbola mitoetra ny helokareo."

10 [1]"Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa izay tsy miditra ny vavahady ho amin'ny valan'ondry, fa mananika
lalana hafa, dia mpangalatra sy mpandroba izy. [2]Fa izay miditra ny vavahady kosa no mpiandry ondry tsara.
[3]Izy no vahan'ny mpiandry vavahady. Mandre ny feony ny ondry, ary izy miantso ny ondriny manokana amin'ny anarany
ka mitondra azy mivoaka. [4]Rehefa namoaka ny azy rehetra izy, dia nialoha lalana azy ireo, ary manaraka azy ny ondriny,
satria mahalala ny feony.
[5]Ary tsy hanaraka vahiny izy ireo fa handositra azy kosa, satria tsy fantany ny feon'ny vahiny." [6]Jesosy nilaza izany
fanoharana izany tamin'izy ireo, saingy tsy azon'izy ireo akory ireo zavatra nolazainy tamin'izy ireo.
[7]Dia hoy indray Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa Izaho no vavahadin'ondry.
[8]Izay rehetra tonga talohako dia mpangalatra sy mpandroba, satria tsy nihaino azy ireo ny ondry.
[9]Izaho no vavahady. Raha misy miditra ao amin'ny alalako, dia ho voavonjy izy; hiditra sy hivoaka izy ary hahita ny
fihinanana. [10]Fa ny mpangalatra tsy avy raha tsy hangalatra sy hamono ary handrava. Fa Izaho kosa avy mba hananan'izy
ireo fiainana ary hanana izany be dia be.
[11]Izaho no mpiandry tsara. Ny mpiandry tsara dia manolotra ny ainy hamonjena ny ondriny. [12]Ny mpikarama dia tsy
mpiandry ary tsy tompon'ny ondry. Raha nahita ambodia manatona izy dia handao ny ondry ka hitsoaka, ary ny ambodia
misambotra sy mampiparitaka azy ireo. [13]Mandositra izy satria mpikarama ka tsy miraharaha ny ondry.
[14]Izaho no mpiandry ondry tsara, ary fantatro ny Ahy, ary fantany Aho. [15]Ny Ray mahafantatra Ahy, ary Izaho
mahafantatra ny Ray, ary Izaho manolotra ny aiko ho an'ny ondry. [16]Manana ondry hafa izay tsy amin'ity vala ity Aho. Tsy
maintsy ho entiko ihany koa ireny, ary izy ireo handre ny feoko mba ho tonga andiany iray ihany sy mpiandry iray.
[17]Izao no antony hitiavan'ny Ray Ahy: mahafoy manolotra ny aiko Aho mba handraisako izany indray. [18]Tsy misy
manaisotra izany amiko, fa ny tenako ihany no manolotra izany. Manana fahefana hanolotra izany Aho, ary manana
fahefana haka izany indray. Izany didy izany dia azoko avy tamin'ny Raiko."
[19]Nisy fizarazarana indray teo amin'ireo jiosy noho ireo teny ireo. [20]Maro tamin'izy ireo no nilaza hoe: "Manana demonia
Izy ary very saina. Nahoana ianareo no mihaino Azy?" [21]Ny sasany nilaza hoe: "Tsy fitenin'ny olona misy demonia izany.
Moa ny demonia afaka mampahiratra ny mason'ny jamba?"
[22]Avy eo tonga ny fetin'ny fanokanana tao Jerosalema. [23]Ririnina tamin'izany, ary Jesosy nitsangana teo an-kianjan'ny
tempoly teo amin'ny fialofan'i Solomona. [24]Avy eo notangoronan' ireo Jiosy Izy ary niteny taminy hoe: "Mandrapaha-
rahoviana no hampisalasalanao anay? Raha Ianao no Kristy, dia hambarao miharihary aminay."
[25]Ary Jesosy namaly azy ireo hoe: "Efa nanambara anareo aho, fa tsy mino ianareo. Ireo asa izay ataoko amin'ny
anaran'ny Raiko, ireo no manambara ny mahakasika Ahy. [26]Kanefa ianareo tsy mino satria tsy mba ondriko.
[27]Mandre ny feoko ny ondriko; fantatro izy ireo, ary manaraka Ahy. [28]Omeko azy ireo ny fiainana mandrakizay; ka tsy ho
faty mandrakizay izy ireo, ary tsy hisy handrobaka azy eo am-pelantanako.
[29]Ny Raiko, izay nanome ireo Ahy, dia lehibe noho ny hafa rehetra, ary tsy misy mahavita mandrobaka azy ireo eo am-
pelatanan'ny Ray. [30]Izaho sy ny Ray dia iray ihany." [31]Avy eo naka vato indray ireo Jiosy mba hitora-bato Azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[32]Ary Jesosy namaly azy ireo hoe: "Maro ny asa tsara nasehoko anareo avy tamin'ny Ray. Koa inona tamin'ireny asa ireny no hitorahanareo vato Ahy?" [33]Namaly Azy ireo Jiosy hoe: "Tsy ny asa tsara no hitorahanay vato anao, fa ny fitenenan-dratsy, satria ianao, olombelona, dia manao ny tenanao ho Andriamanitra."
[34]Namaly azy ireo Jesosy hoe: "Tsy efa voasoratra ao amin'ny lalànareo ve hoe: 'Hoy Aho hoe: "andriamanitra ianareo"'?
[35]Raha niantso ireny ho andriamanitra izy, dia ho an'iza izany no niavian'ny tenin'Andriamanitra (ary ny Soratra Masina dia tsy azo foanana), [36]moa ve ilay nohamasinin'ny Ray sy nirahina ho amin'izao tontolo izao no ataonareo hoe: 'Miteny ratsy Ianao,' noho Izaho niteny hoe: 'Izaho no Zanak'Andriamanitra'?
[37]Raha tsy manao ireo asan'ny Raiko Aho, dia aza mino Ahy. [38]Fa raha manao ireny Aho, na dia tsy mino Ahy aza ianareo, dia minoa ireo asa mba hahafantaranareo sy hahazoanareo fa ny Ray dia ato Amiko ary Izaho ao amin'ny Ray." [39]Mbola nikasa ny hisambotra Azy indray izy ireo, fa nandositra Izy.
[40]Dia nankany an-dafin'i Jordana indray Izy ho any amin'ilay toerana izay nanaovan'i Jaona batisa voalohany, ary nitoetra teo. [41]Maro ny olona nanatona Azy ary hoy izy ireo hoe: "Jaona tsy mba nanao famantarana, fa ny zavatra rehetra nolazain'i Jaona momba io lehilahy io dia marina." [42]Maro ny olona nino Azy teo.

11 [1]Ary nisy lehilahy iray narary antsoina hoe Lazarosy. Avy ao Betania izy, tanànan'i Maria sy Marta rahavaviny. [2]Maria no nanosotra menaka manitra ny Tompo sy nanadio ny tongony tamin'ny volony, ary Lazarosy anadahiny no narary.
[3]Ary ireo mpirahavavy naniraka olona ho any amin'i Jesosy, nilaza hoe: "Tompo, jereo, fa marary ilay tianao." [4]Rehefa ren'i Jesosy izany, dia hoy Izy hoe: "Tsy fahafatesana no hiafaran'ity aretina ity, fa kosa ho fanehoana ny voninahitr'Andriamanitra mba hanandratana ny Zanak'Andriamanitra amin'ny alalan'izany."
[5]Ary Jesosy dia tia an'i Marta sy ny rahavaviny ary Lazarosy. [6]Ka rehefa nandre Jesosy fa marary Lazarosy, dia mbola nijanona roa andro tao amin'ny toerana nizy Azy Izy. [7]Ary taorian'izany, dia niteny tamin'ireo mpianatra Izy hoe: "Andeha isika ho any Jodia indray."
[8]Hoy ireo mpianatra taminy hoe: "Raby, amin'izao dia mikasa ny hitora-bato Anao ireo Jiosy, ka mbola hiverina ho any indray ve Ianao?" [9]Ary namaly Jesosy hoe: "Tsy roa ambin'ny folo ora ve ny fahazavan'ny andro? Raha misy olona mandeha amin'ny andro mazava, dia tsy ho tafintohina izy, satria mahita ny fahazavan'izao tontolo izao.
[10]Kanefa, raha mandeha amin'ny alina izy, dia ho tafintohina satria tsy ao aminy ny fahazavana." [11]Nilaza ireo zavatra ireo Izy, ary taorian'ireo zavatra ireo, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Resin-tory Lazarosy namantsika, fa handeha Aho mba hafahako mamoha azy amin'ny torimaso."
[12]Ka hoy ireo mpianatra taminy hoe: "Tompo, raha resitory izy, dia ho tsara." [13]Kanefa Jesosy nilaza ny fahafatesany, saingy noheverin'izy ireo fa fialan-tsasatra amin'ny torimaso no nolazainy. [14]Avy eo Jesosy niteny tsotra tamin'izy ireo hoe: "Maty Lazarosy.
[15]Faly aho, nohon'ny aminareo, fa tsy tany Aho mba hahatonga anareo hino. Andeha isika ho any aminy." [16]Tomasy, izay antsoina hoe Didymo, dia niteny tamin'ireo mpianatra namany hoe: "Andeha koa isika mba hiara-maty amin'i Jesosy."
[17]Rehefa tonga Jesosy, dia hitany fa efa nalevina efatr'andro tao am-pasana Lazarosy. [18]Ary Betania dia efa akaiky an'i Jerosalema, eo amin'ny dimy ambin'ny folo stadio eo no elanelany. [19]Maro ireo Jiosy tonga tao amin'i Marta sy Maria, mba hampahery azy ireo nohon'ny fahafatesan'ny anadahin'izy ireo. [20]Avy eo Marta, rehefa nandre fa tonga Jesosy, dia nandeha nitsena Azy, fa Maria kosa nipetraka tao an-trano.
[21]Dia niteny tamin'i Jesosy Marta hoe: "Tompo, raha teto ianao, dia tsy maty ny anadahiko. [22]Nefa na dia izao ankehitriny izao aza, dia fantatro fa na inona na inona angatahinao amin'Andriamanitra, dia homeny anao izany." [23]Hoy Jesosy taminy hoe: "Ny anadahinao dia hitsangan-ko velona indray."
[24]Marta niteny taminy hoe: "Fantatro fa hitsangana indray izy amin'ny fitsanganan'ny maty amin'ny andro farany." [25]Dia hoy Jesosy taminy hoe: "Izaho no fananganana ny maty ary fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia ho velona;
[26]ary na iza na iza velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany ve ianao?"
[27]Hoy izy taminy hoe: "Eny, Tompo, mino aho fa Ianao no Kristy, Zanak'Andriamanitra, ilay ho tonga eto amin'izao tontolo izao." [28]Rehefa voalazany izany, dia lasa izy niantso mangingina an'i Maria rahavaviny. Hoy izy hoe: "Tonga ny Mpampianatra ary miantso anao izy." [29]Rehefa ren'i Maria izany, dia nitsangana faingana izy dia nankany aminy.
[30]Ary Jesosy tsy mbola tonga tao an-tanàna fa mbola teo amin'ilay toerana nihaonan'i Marta taminy ihany. [31]Noho izany ireo Jiosy, izay niaraka taminy tao an-trano sy nampahery azy, rehefa nahita an'i Maria nitsangana faingana ka lasa nivoaka, dia nanaraka azy, nihevitra fa handeha hitomany any amin'ny fasana izy. [32]Rehefa tonga teo amin'ny toerana nisy an'i Jesosy i Maria ka nahita Azy, dia niankohoka izy ary niteny taminy hoe: "Tompo, raha teto ianao, dia tsy maty ny anadahiko."
[33]Rehefa nahita azy nitomany Jesosy, ary ireo Jiosy niaraka taminy koa nitomany, dia vonto ny fanahiny ary tora-kovitra Izy; [34]dia hoy Izy hoe: "Taiza no nandevenanareo azy?" Dia hoy izy ireo taminy hoe: "Tompo, avia ary jereo." [35]Nitomany Jesosy.
[36]Avy eo hoy ireo Jiosy hoe: "Jereo ny haben'ny fitiavany an'i Lazarosy!" [37]Fa ny sasany tamin'izy ireo niteny hoe: "Moa ve tsy hain'ity lehilahy ity, izay nampahiratra ny mason'ilay jamba, ny manao izay tsy ho nahafaty ity lehilahy ity koa?"
[38]Avy eo indray Jesosy, raha mbola vonto ny fanahiny, dia nankeny amin'ny fasana. Ary zohy izany, ary misy vato manarona azy. [39]Hoy Jesosy hoe: "Esory hiala ny vato." Marta, anabavin'i Lazarosy, ilay maty, niteny tamin'i Jesosy hoe:

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

"Tompo, efa maimbo ny vatany raha amin'izao fotoana izao, satria efatr'andro izao no nahafatesany." [40]Ary Jesosy niteny taminy hoe: "Tsy efa nolazaiko anao ve fa, raha nino ianao, dia ho hitanao ny voninahitr'Andriamanitra?"
[41]Dia nohesorin'izy ireo ny vato. Jesosy nanandratra ny masony ka niteny hoe: "Ray ô, misaotra Anao Aho satria nihaino Ahy Ianao. [42]Fantatro fa mihaino Ahy mandrakariva Ianao, fa nohon'ny vahoaka mijoro manodidina Ahy no nilazako izany, mba hafahan'izy ireo mino fa Ianao no naniraka Ahy."
[43]Rehefa avy niteny izany Izy, dia niantso tamin'ny feo mafy hoe: "Lazarosy, mivoaha!" [44]Nivoaka ilay lehilahy maty; nisy fehim-paty ny tongony sy ny tanany, ary voafehy lamba koa ny tavany. Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Vahao izy ary avelao handeha."
[45]Avy eo maro tamin'ireo Jiosy izay tonga tao amin'i Maria sy nahita ny nataon'i Jesosy, no nino Azy; [46]Fa ny sasany tamin'izy ireo kosa lasa nandeha nankany amin'ny Fariseo ary nilaza tamin'izy ireo ny zavatra nataon'i Jesosy.
[47]Avy eo ny lohan'ny mpisorona sy ny Fariseo namory ny Synedriona niaraka ary nanao hoe: "Inona no hataontsika? Ity lehilahy ity dia manao famantarana maro. [48]Raha avelantsika amin'izao Izy, dia hino Azy ny rehetra; ary ho avy ny Romana haka ny tananàntsika sy ny firenentsika."
[49]Kanefa, nisy lehilahy iray tamin'izy ireo, Kaiafa, izay mpisoronabe tamin'izany taona izany, nanao tamin'izy ireo hoe: "Ianareo dia tsy mahalala na inona na inona. [50]Tsy mieritreritra akory ianareo fa tsara ho anareo raha lehilahy iray no maty ho an'ny olona toy izay ny firenena manontolo no ringana."
[51]Ary izay nolazainy dia tsy nataony ho azy ihany. Fa kosa, noho izy mpisoronabe tamin'io taona io, dia naminany fa tokony ho faty ho an'ny firenena Jesosy; [52]ary tsy ho an'ny firenena fotsiny ihany, fa mba hampiray ny zanak'Andriamanitra izay niparitaka koa. [53]Ka nanomboka tamin'io andro io dia nanao tetika ny fomba hamonoana an'i Jesosy izy ireo.
[54]Ary Jesosy tsy nandeha niharihary teny amin'ireo Jiosy intsony, fa niala teo Izy nankany amin'ny tany akaikin'ny efitra ho any an-tanàna atao hoe Efraima. Ary nonina tao Izy sy ireo mpianatra. [55]Ary efa akaiky ny Pasky ny Jiosy, ary maro tamin'ireo tany ivelan'ny tanàna no niakatra tao Jerosalema mialohan'ny Paska mba hanadio ny tenan'izy ireo.
[56]Nitady an'i Jesosy izy ireo, ary nijoro teo amin'ny Tempoly nifampiresaka hoe: "Inona no eritreretinareo? Hoe tsy ho tonga amin'ny andro firavoravoana ve Izy?" [57]Ary efa nanome baiko ny lohan'ny mpisorona sy ny Fariseo fa raha misy mahalala ny misy an'i Jesosy, dia tokony milaza izy mba hisamboran'izy ireo Azy.

12 [1]Enin'andro mialohan'ny Paska, dia tonga tao Betania Jesosy, izay nitoeran'i Lazarosy, ilay efa natsangan'i Jesosy tamin'ny maty. [2]Ka nanao sakafo ho Azy izy ireo, ary Marta no nandroso azy ireo, fa Lazarosy kosa dia anisan'ireo niara-nipetraka tamin'i Jesosy teo amin'ny latabatra. [3]Avy eo Maria naka menaka manitra iray litatra izay vita tamin'ny narda sarobidy, ka nanosotra ny tongotr'i Jesosy tamin'izany, ary namafa ny tongony tamin'ny volon-dohany. Feno ny hanitr'ilay menaka ny trano.
[4]Ary Jodasy Iskariota, iray tamin'ireo mpianany, izay hamadika Azy, nanao hoe: [5]"Nahoana io menaka io no tsy namidy 300 dinaria dia nomena ny mahantra?" [6]Ary izy milaza izany, tsy nohon'ny fiahiany ny mahantra, fa satria mpangalatra izy: teny aminy ny kitapom-bola ary ho nangalariny izay natao tao.
[7]Jesosy nanao hoe: "Avelao izy mba hitazona izay hananany ho amin'ny andro handevenana Ahy. [8]Ho eo aminareo mandrakariva ny mahantra, fa Izaho kosa tsy ho eo aminareo mandrakariva."
[9]Ary nisy vahoaka maro tamin'ireo jiosy nahalala fa teo Jesosy, ka nanatona izy ireo, tsy ho an'i Jesosy irery ihany, fa mba hahita an'i Lazariosy ihany koa, ilay natsangan'i Jesosy tamin'ny maty. [10]Ireo lohan'ny mpisorona dia nitetika niaraka mba hahafahan'izy ireo manosika an'i Lazarosy amin'ny fahafatesana ihany koa; [11]satria noho Izy no nahatonga ny ankamaroan'ireo jiosy andeha ary nino an'i Jesosy.
[12]Ny ampitso dia vahoaka maro no tonga tamin'ny andro firavoravoana. Rehefa ren'izy ireo fa ho avy ao jerosalema Jesosy, [13]dia naka sampan-drofia izy ireo ary nivoaka ka nitsena Azy tamin'ny antso mafy hoe: "Hosanna! Sambatra anie ilay avy amin'ny anaran'ny Tompo, Ilay mpanjakan'Israely."
[14]Ary Jesosy nahita zana-boriky anankiray ka nipetraka teo amboniny; [15]Araka ny voasoratra hoe: "Aza matahotra, ry zanakavavin'i Ziona; jereo, indro tamy ny Mpanjakanareo, izay mipetraka eo ambonin'ny zana-boriky."
[16]Tsy nahazo ireo zavatra ireo ny mpianany tamin'ny voalohany; fa rehefa nomem-boninahitra Jesosy, dia tsaroan'izy ireo fa voasoratra momba Azy ireo zavatra ireo ary efa nataon'izy ireo taminy izany.
[17]Ary ireo vahoaka izay niaraka taminy tamin'ny niantsoany an'i Lazarosy hivoaka ny fasana sy nanangana azy tamin'ny maty dia samy nijoro vavolombelona avy. [18]Noho izany antony izany ihany koa no nahatonga ny vahoaka hitsena Azy, satria ren'izy ireo fa nanao izany famantarana izany Izy. [19]Ireo Fariseo noho izany nifampiresaka hoe: "Jereo, tsy afaka manao na inona na inona ianareo; indro, manaraka Azy izao tontolo izao."
[20]Ary nisy grika vitsivitsy tamin'ireo izay niakatra hidera any amin'ny firavoravoana. [21]Nankany amin'i Filipo izy ireo, izay avy any Betsaida any Galilia, ary nanontany azy, manao hoe: "Tompoko, mba ta-hahita an'i Jesosy izahay." [22]Dia lasa Filipo ka niteny tamin'i Andrea; dia lasa Andrea niaraka tamin'i Filipo, ary niteny an'i Jesosy izy ireo.
[23]Jesosy namaly azy ireo ka nanao hoe: "Efa tonga ny fotoana hanomezana voninahitra ny Zanak'Olona. [24]Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa raha tsy latsaka amin'ny tany ny voam-bary ka maty, dia mitoetra amin'ny tenany irery izany; fa raha maty izany, dia hamokatra be.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[25]Izay tia ny fiainany dia hanary izany; fa izay mankahala ny fiainany eto amin'izao tontolo izao kosa dia hitazona izany ho any amin'ny fiainana mandrakizay. [26]Raha misy manompo Ahy, aoka izy hanaraka Ahy; ary izay hitoerako, dia ao ihany koa no hitoeran'ny mpanompoko. Raha misy manompo Ahy, dia hanome voninahitra azy ny Ray.
[27]Ankehitriny mangorohoro ny fanahiko ary inona no tokony ho teneniko? 'Ray o, vonjeo amin'ity ora ity Aho'? Kanefa noho izany antony izany no nahatongavako amin'izao fotoana izao. [28]Ray o, hankalazao ny anaranao." Avy eo nisy feo nanako avy any an-danitra nanao hoe: "Efa nankalazaiko izany ary mbola ho hankalazaiko indray." [29]Ary ireo vahoaka nitsangana teo sy nandre izany dia nilaza fa nisy kotroka teo. Ny sasany nilaza hoe: "Nisy anjely niresaka taminy."
[30]Jesosy namaly ary niteny hoe: "Izany feo izany dia tsy tonga ho Ahy, fa ho anareo. [31]Tonga ankehitriny ny fitsarana an'izao tontolo izao: Ary dia ho roahina ny mpanapaka izao tontolo izao.
[32]Rehefa hasandratra hiala amin'ny tany Aho, dia hitaona ny tsirairay hanaraka Ahy." [33]Nolazainy izany mba hanehoana hoe karazana fahafatesana toy ny inona no hafatesany.
[34]Ireo vahoaka namaly Azy hoe: "Renay tamin'ny lalàna fa Kristy dia hijanona mandrakizay. Ahoana no hafahanao milaza hoe: 'Ny Zanak'Olona dia tsy maintsy hasandratra'? Iza izany Zanak' Olona izany?" [35]Avy eo Jesosy niteny azy ireo hoe: "Ny hazavana dia mbola hiaraka aminareo mandritry ny fotoana fohy. Mandehana dieny mbola manana hazavana, mba tsy hafahan'ny haizaina mialoha anareo. Izay mandeha amin'ny haizina dia tsy mahalala ny lalana alehany. [36]Raha mbola manana ny hazavana ianareo, dia minoa izany mba ho zanakin'ny hazavana ianareo." Jesosy nilaza ireo zavatra ireo ary avy eo dia tsy hita ary niery azy ireo.
[37]Na dia nanao famantarana maro teo anatrehan'izy ireo aza Jesosy, dia tsy ninoan'izy ireo [38]mba ho tanteraka ny tenin'Isaia mpaminany, izay nilazany hoe: "Tompo, iza no nino ny tatitray, ary iza no nampisehoana ny sandrin'ny Tompo?"
[39]Noho izany antony izany dia tsy nino izy ireo, araka ny voalazan'Isaia hatrany hoe: [40]"Nohajambainy ny mason'izy ireo, ary nohamafisiny ny fon'izy ireo; mifanohitra amin'izany izy ireo dia te-hahita amin'ny mason'izy ireo ary hahazo amin'ny fon'izy ireo, ka hitodika, ary Izaho hanasitrana azy ireo."
[41]Isaia nilaza ireo zavatra ireo satria hitany ny voninahitr'i Jesosy ka niresaka momba Azy. [42]Kanefa na izany aza, dia maro tamin'ireo mpanapaka no nino an'i Jesosy; fa noho ireo Fariseo, dia tsy niaiky izany izy ireo mba tsy ho voasakana ho ao amin'ny synagoga. [43]Tian'izy ireo kokoa ny fiderana avy amin'ny olona noho ny fiderana avy amin'Andriamanitra.
[44]Jesosy niantso mafy ka niteny hoe: "Izay iray mino Ahy, aza mino Ahy irery ihany fa koa Izy izay naniraka Ahy, [45]ary izay iray mahita Ahy dia mahita Azy izay naniraka Ahy.
[46]Izaho dia tonga toy ny hazavana teto amin'izao tontolo izao, mba tsy hitoetra ao anaty haizina izay mino Ahy. [47]Raha misy maheno ny teniko nefa tsy mitandrina izany, dia tsy hitsara azy Aho; satria Aho tsy tonga hitsara izao tontolo izao, fa hanavotra izao tontolo izao.
[48]Izay mandà Ahy sy tsy mandray ny teniko, dia manana iray izay mitsara azy. Ilay teny izay nolazaiko no hitsara azy amin'ny andro farany. [49]Fa Izaho tsy miteny ho Ahy, fa ilay Ray izay naniraka Ahy, izay nanome Ahy ny didy amin'izay ho lazaina sy ho tenenina. [50]Fantatro fa ny didiny dia fiainana mandrakizay, koa izay lazaiko_ dia lazaiko araka izay nolazain'ny Ray tamiko."

13 [1]Ary andro mialohan'ny firavoravoan'ny Paska izao. Fantatr'i Jesosy fa tonga ny ora hialany eto amin'izao tontolo izao ka handeha any amin'ny Ray. Rehefa nitia ny mpiara-dia taminy teto amin'izao tontolo izao Izy, dia nitia azy ireo hatramin'ny farany. [2]Ary ny devoly dia efa nametraka izao tao an-tsain'i Jodasy Iskariota zanak'i Simona, dia ny hamadihana an'i Jesosy.
[3]Izy dia nahafantatra fa ny zavatra rehetra dia efa napetrakin'ny Ray teo am-pelatanany ary Izy dia avy amin'Andriamanitra ary hiverina any amin' Andriamanitra. [4]Nitsangana Izy teo am-pisakafoana ary nanala ny akanjony ivelany. Avy eo Izy naka lamba ary nisalotra izany. [5]Avy eo nandraraka rano tao anaty siny Izy dia nanomboka nanasa ny tongotr'ireo mpianatra ary namafa azy ireo tamin'ilay lamba nisalorany.
[6]Nanatona an'i Simona Petera Izy, ary hoy Petera taminy hoe: "Tompo, hanasa ny tongotro ve Ianao?" [7]Jesosy namaly ary niteny taminy hoe: "Izay ataoko dia mbola tsy ho azonao izao ny heviny, fa ho azonao ihany izany any aoriana." [8]Hoy Petera taminy hoe: "Tsy hanasa ny tongotro mihintsy Ianao." Jesosy namaly azy hoe: "Raha tsy manasa ny tongotrao Aho, dia tsy manana anjara ato amiko ianao." [9]Hoy Simona Petera taminy hoe: "Tompo, aza ny tongotro ihany no sasana, fa ny tanako sy ny lohako ihany koa."
[10]Hoy Jesosy taminy hoe: "Izay efa nandro dia tsy mila izany, afa-tsy ny manasa tongony ihany, fa izy dia efa madio tanteraka; ianao dia madio, fa tsy ny rehetra nefa." [11](Satria efa fantatr'i Jesosy hoe iza ilay hamadika Azy; izany no antony nilazany hoe: "Tsy ianareo rehetra no madio.")
[12]Ka rehefa avy nanasa ny tongotr'izy ireo Jesosy sy naka ireo lambany ka nipetraka indray, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Fantatrareo ve ny nataoko ho anareo? [13]Antsoinareo Aho hoe 'mpampianatra' sy 'Tompo,' ary marina ny voalazanareo, satria izany tokoa Aho. [14]Kanefa raha Izaho, sady Tompo no mpampianatra, no nanasa ny tongotrareo, ianareo ihany koa dia tokony hifanasa ny tongotrareo. [15]Satria efa nanome ohatra ho anareo Aho ka mba tokony hanao toy izay nataoko ho anareo ihany koa ianareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa ny mpanompo dia tsy lehibe kokoa noho ny tompony; na koa ny mpitondra hafatra dia tsy lehibe kokoa noho ilay naniraka azy. [17]Raha fantatrareo ireo zavatra ireo, dia ho tahiana ianareo raha manatanteraka izany. [18]Tsy ianareo rehetra no resahiko; fantatro ireo izay nofidiako—fa izany dia mba hahatanteraka ny Soratra Masina hoe: 'Izay mihinana ny mofoko dia nanandratra ny vodi-tongony hamadika Ahy.'
[19]Lazaiko aminareo izao izany mialohan'ny hitrangany mba rehefa mitranga izany, dia mety hino ianareo fa Izaho no Izy.
[20]Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa izay mandray izay nirahiko, dia mandray Ahy, ary izay mandray Ahy, dia mandray Azy izay naniraka Ahy."
[21]Rehefa nilaza izany Jesosy, dia nangorohoro ny fanahiny. Nanambara Izy ary nilaza hoe: "Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa fa hisy iray aminareo hamadika Ahy." [22]Nifampijery ireo mpianatra, nanontany tena hoe iza izany nolazainy izany.
[23]Nisy iray tamin'ireo mpianany, izay tian'i Jesosy, nipetraka teo amin'ny latabatra ampitan'i Jesosy. [24]Nanatona io mpianatra io Simona Petera ary nilaza hoe: "Anontanio Azy hoe iza izany lazainy izany." [25]Ka niverina niankina tamin'i Jesosy izy ary nilaza taminy hoe: "Tompo, iza izany?"
[26]Avy eo Jesosy namaly hoe: "Ilay iray izay handonako sy homeko ity mofo ity izany." Ka rehefa nolomany ny mofo, dia nomeny an'i Jodasy zanak'i Simona Iskariota izany. [27]Ary taorian'ny mofo, dia niditra tao aminy satana, ka hoy Jesosy taminy hoe: "Izay ataonao, ataovy aingana izany."
[28]Tamin'izay ireo rehetra teo an-databatra tsy nisy nahalala ny antony nilazan'i Jesosy azy izany. [29]Ny sasany nieritreritra hoe, satria Jodasy no nitazona ny kitapom-bola, no nilazan'i Jesosy taminy hoe: "Vidio ny zavatra rehetra ilaintsika amin'ny andro firavoravoana," na hoe tokony hanome zavatra ho an'ny mahantra izy. [30]Raha vao avy nandray ny mofo Jodasy, dia lasa nivoaka avy hatrany izy. Alina ny andro tamin'izay.
[31]Rehefa lasa Jodasy, dia hoy Jesosy hoe: "Ankehitriny dia omem-boninahitra ny Zanak'Olona, ary Andriamanitra dia omem-boninahitra ao aminy. [32]Andriamanitra dia hanome voninahitra Azy ao amin'ny tenany, ary Izy hanome voninahitra Azy avy hatrany. [33]Ry ankizy madinika, fotoana fohy sisa no hiarahako aminareo. Hitady Ahy ianareo, ary araka izay nolazaiko tamin'ny Jiosy hoe: 'Izay alehako, tsy azonareo aleha.' Ary lazaiko aminareo koa izany ankehitriny.
[34]Didy vaovao no omeko anareo, dia ny hifankatiavanareo; tahaka ny nitiavako anareo, no tokony hifankatiavanareo ihany koa. [35]Amin'izany no hahafantaran'ny rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia ianareo."
[36]Hoy Simona Petera taminy hoe: "Tompo, fa andeha ho aiza Ianao?" Namaly Jesosy hoe: "Izay alaehako, dia tsy afaka hanarahanareo Ahy izao, fa hanaraka ianareo any aoariana." [37]Dia hoy Petera taminy hoe: "Tompo, nahoana aho no tsy afaka manaraka Anao izao? Hafoiko ho Anao ny aiko." [38]Dia namaly Jesosy hoe: "Hafoinao ho Ahy ve ny ainao? Lazaiko aminao, marina, dia marina tokoa, fa mbola tsy haneno akory ny akoho dia efa handà Ahy in-telo ianao."

14 [1]"Aza avela hangorohoro ny fonareo. Mino an'Andriamanitra ianareo, dia minoa Ahy koa. [2]Misy efitra maro ao an-tranon'ny Raiko. Raha toa ka tsy izany, dia efa niteny taminareo Aho, fa hanomana toerana ho anareo. [3]Raha handeha Aho ary hanomana toerana ho anareo, dia hiverina indray Aho ary handray anareo ato Amiko, ka izay misy Ahy dia hisy anareo koa.
[4]Ianareo mahalala izay alehako." [5]Hoy Tomasy tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, tsy fantatray izay alehanao, ahoana no hahafantaranay ny lalana?" [6]Hoy Jesosy taminy hoe: "Izaho no lalana, fahamarinana, ary fiainana; tsy misy manatona ny Ray raha tsy amin'ny alalako. [7]Raha nahafantatra Ahy ianareo, dia tokony ho nahafantatra ny Raiko koa. Manomboka izao dia fantatrareo Izy ary efa hitanareo."
[8]Hoy Filipo tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, asehoy anay ny Ray, dia ampy ho anay izany." [9]Hoy Jesosy taminy hoe: "Efa hatry ny ela no niarahako taminareo dia mbola tsy fantatrareo foana ve Aho, ry Filipo? Na iza na iza nahita Ahy dia nahita ny Ray. Koa ahoana no hitenenanao hoe: 'Asehoy anay ny Ray'?
[10]Tsy mino ve ianareo fa ao amin'ny Ray Aho ary ny Ray ato amiko? Ireo teny izay lazaiko aminareo dia tsy lazaiko avy amin'ny fahefako manokana, fa ilay Ray velona ato anatiko no manao ny asany. [11]Minoa Ahy fa Izaho dia ao amin'ny Ray, ary ny Ray ato amiko, raha tsy izany dia minoa noho ireo asa manokana.
[12]Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, izay mino Ahy dia hanao ny asa izay ataoko, ary hanao asa lehibe mihoatra noho ireny izy satria ho any amin'ny Ray Aho. [13]Na inona na inona angatahinareo amin'ny Anarako, dia tanterahiko izany mba hanomezam-boninahitra ny Ray ao amin'ny Zanaka. [14]Raha mangataka zavatra amin'ny anarako ianareo, dia ho tanterahiko izany.
[15]Raha tia Ahy ianareo, dia hitandrina ireo didiko, [16]ary hivavaka amin'ny Ray Aho, dia hanome anareo Mpampahery hafa Izy mba ho eo aminareo mandrakizay izy— [17]ny Fanahin'ny fahamarinana. Tsy afaka mandray Azy izao tontolo izao satria tsy mahita na mahafantatra Azy. Fa ianareo kosa mahalala Azy, satria mitoetra miaraka aminareo Izy ary ho ao anatinareo.
[18]Tsy hamela anareo ho irery Aho; mbola hiverina aty aminareo Aho. [19]Afaka fotoana vitsy monja dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao, fa ianareo mahita Ahy. Satria velona Aho, dia ho velona ihany koa ianareo. [20]Ary amin'izay andro izay dia ho fantatrareo fa ao amin'ny Raiko Aho, ary ianareo ato Amiko, ary Izaho ao aminareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Izay manana ireo didiko ka mitandrina ireny dia izy ilay tia Ahy, ary izay tia Ahy dia ho tiavin'ny Raiko koa, ary Izaho hitia azy sy hiseho aminareo." [22]Hoy Jodasy (tsy Iskariota) tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, nahoana ianao no hiseho aminay fa tsy amin'izao tontolo izao?"
[23]Jesosy namaly ary nilaza taminy hoe: "Raha misy olona tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy. Hitia azy ny Raiko, ary ho avy aminy Izahay ary hanamboatra ny fitoeranay miaraka aminy. [24]Fa izay tsy tia Ahy dia tsy mitandrina ny teniko. Ny teny izay renareo dia tsy avy amiko fa avy amin'ny Ray izay naniraka Ahy.
[25]Efa noteneniko taminareo ireo zavatra ireo, raha mbola nijanona niaraka taminareo Aho. [26]Kanefa, ilay Mpampahery—ilay Fanahy Masina, izay hirahin'ny Ray amin'ny Anarako_ izy no hampianatra anareo ny zava-drehetra sy hampatsiahy izay rehetra nolazaiko taminareo. [27]Fiadanana no avelako ho anareo; omeko anareo ny fiadanako. Tsy omeko ohatran'ny fanomen'izao tontolo izao izany. Aza avela hangorohoro ny fonareo, ary aza matahotra.
[28]Efa renareo Aho niteny taminareo hoe: 'Andeha Aho, ary hiverina any aminareo indray.' Raha nitia Ahy ianareo, dia tokony hiravoravo satria hankany amin'ny Ray Aho, satria ny Ray dia lehibe kokoa noho Izaho. [29]Ary noteneniko anareo dieny mbola tsy mitranga izany, mba hino ianareo, rehefa mitranga izany. [30]Tsy hilaza betsaka aminareo intsony Aho, fa efa ho avy ny mpanapaka izao tontolo izao. Tsy manana fahefana Amiko izy, [31]fa mba hahafantaran'izao tontolo izao fa tiako ny Ray, dia ataoko tahaka ny nandidian'ny Ray Ahy. Andeha hitsangana isika ary hiala ety."

15 [1]"Izaho no tena voaloboka, ary ny Raiko no mpamboly. [2]Esoriny ato amiko ny sampana rehetra izay tsy mamoa voankazo, ary rantsaniny ny sampana izay mamokatra mba hamoa voankazo bebe kokoa izany.
[3]Efa madio ianareo noho ilay hafatra izay nolazaiko taminareo. [4]Mitoera ato amiko, ary Izaho ao aminareo. Tahaka ny sampana tsy afaka mamokatra voankazo amin'ny tenany raha tsy mitoetra ao amin'ny voaloboka izany, dia toy izany koa ianareo, raha tsy mitoetra ao amiko.
[5]Izao no voaloboka, ianareo no sampana. Izay mitoetra ato Amiko ary Izaho ao Aminy, dia mamokatra be izy, fa raha tsy misy Ahy dia tsy mahefa na inona na inona ianareo. [6]Raha misy olona tsy mitoetra ao Amiko, dia ho ariana tahaka ny sampana izy ary halazo, ary izy ireo manangona ireo sampana ary manary izany any amin'ny afo, ary may izy ireo. [7]Raha mitoetra ao Amiko ianareo, ary raha mitoetra ao aminareo ireo teniko, angataho na inona na inona irianareo, dia ho atao aminareo izany.
[8]Ny Raiko dia omem-boninahitra amin'izao, dia ny hamokaranareo voankazo bebe kokoa ka ho porofo fa mpianatro ianareo. [9]Tahaka ny nitiavan'i Ray Ahy, no nitiavako anareo. Mitoera ao amin'ny fitiavako.
[10]Raha mitandrina ireo didiko ianareo, dia hitoetra ao amin'ny fitiavako, tahaka ny nitandremako ireo didin'ny Raiko sy nitoerako tao amin'ny fitiavany. [11]Nilaza ireny zavatra ireny taminareo Aho mba ho ao aminareo ny fifaliako ary mba ho feno ny fifalianareo.
[12]Izao no didiko, dia ny hifankatiavanareo tahaka ny nitiavako anareo. [13]Tsy misy manam-pitiavana lehibe mihoatra noho izao, dia ny manolotra ny ainy ho an'ireo sakaizany.
[14]Namako ianareo raha manao ireo zavatra andidiko anareo ireo. [15]Tsy hiantso anareo hoe mpanompoko intsony Aho, satria ny mpanompo dia tsy mahafantatra izay ataon'ny tompony. Nantsoiko hoe namako ianareo, satria ny zavatra rehetra izay reko tamin'ny Raiko, dia nampahafantariko anareo.
[16]Tsy nifidy Ahy ianareo, fa Izaho no nifidy anareo ary nanendry anareo mba andeha ka hamokatra, ary mba tokony hitoetra ny vokatrareo. Natao izany mba na inona na inona angatahinareo amin'ny Ray amin'ny Anarako, dia homeny anareo izany. [17]Ireny zavatra ireny no andidiko anareo mba hifankatiavanareo.
[18]Raha mankahala anareo izao tontolo izao, fantaro fa nankahala Ahy izy talohan'ny nankahalany anareo. [19]Raha avy amin'izao tontolo izao ianareo, dia ho tian'izao tontolo izao tahaka ny azy ianareo. Fa satria tsy an'izao tontolo izao ianareo ary nofidiako hiala amin'izao tontolo izao, noho izany dia halan'izao tontolo izao ianareo.
[20]Tsarovy ny teny nolazaiko taminareo hoe: 'Ny mpanompo dia tsy lehibe noho ny tompony.' Raha nanenjika Ahy izy ireo, dia hanenjika anareo koa; ary raha nitandrina ny teniko izy ireo, dia hitandrina ny anareo koa. [21]Hanao ireo zavatra rehetra ireo aminareo izy ireo nohon'ny Anarako, satria tsy fantatr'izy ireo Izy izay naniraka Ahy. [22]Raha tsy tonga sy niteny tamin'izy ireo Aho, dia tsy ho nanota izy ireo, fa ankehitriny tsy afa-miala amin'ny fahotany izy ireo.
[23]Izay mankahala Ahy dia mankahala ny Raiko ihany koa. [24]Raha tsy nahavita ireo asa izay tsy nataon'ny olon-kafa teo anivon'izy ireo Aho, dia tsy ho nanan-keloka izy ireo, fa ankehitriny efa sady hitany no halany Izaho sy ny Raiko. [25]Fa izany dia mba hahatanteraka ny teny izay voasoratra ao amin'ny laläàn'izy ireo hoe: 'Mankahala Ahy amin'ny tsy misy antony izy ireo.'
[26]Rehefa ho avy ilay Mpampahery—izay hirahiko aminareo avy amin'ny Ray, ilay, Fanahin'ny fahamarinana, izay mivoaka avy amin'ny Ray—dia hanambara ny momba Ahy Izy. [27]Ianareo ihany koa dia mijoro vavolombelona satria efa niaraka tamiko hatrany am-piandohana ianareo.

16 [1]"Nolazaiko taminareo izany zavatra rehetra izany mba tsy ho solafaka ianareo. [2]Ho roahin'izy ireo ao amin'ny synagoga ianareo. Fa tonga ny andro rehefa hihevitra izay rehetra mamono anareo fa izy ireo dia manolotra zavatra tsara ho an'Andriamanitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Ho ataon'izy ireo izany satria tsy mahalala ny Ray na ny Tenako izy ireo. [4]Nolazaiko anareo ireo zavatra ireo mba rehefa avy ny oran'izy ireo, dia ho tsaroanareo fa efa nolazaiko taminareo ny momba azy ireo. Tsy nambarako taminareo ireo zavatra ireo tany am-piandohana, satria mbola teo aminareo Aho.
[5]Fa Ankehitriny ho any amin'Ilay naniraka Ahy Aho, nefa tsy mbola nisy nanontany Ahy ianareo hoe: "Handeha ho aiza moa Ianao?" [6]Fa satria nolazaiko taminareo ireo zavatra ireo, dia alahelo no nameno ny fonareo. [7]Fa lazaiko marina aminareo, tsara kokoa ho anareo ny handehanako. Satria raha tsy mandeha Aho, dia tsy ho tonga aminareo ny Mpampahery, fa raha mandeha Aho, dia handefa azy ho aminareo.
[8]Rehefa tonga izy, dia hanaporofo amin'izao tontolo izao ho diso momban'ny fahotana, ny fahamarinana, ary moban'ny fitsarana— [9]momban'ny fahotana ny mpampahery, satria tsy mino Ahy izy ireo; [10]momban'ny fahamarinana, satria hody any amin'ny Ray Aho, ka tsy ho hitanareo intsony; [11]ary momban'ny fitsarana, satria ny mpanapaka izao tontolo izao dia notsaraina.
[12]Manana zavatra maro hambara aminareo Aho, fa tsy ho azonareo ny hevitr'izany izao. [13]Kanefa, rehefa tonga izy, Fanahin'ny Fahamarinana, dia hitarika anareo ho amin'ny fahamarinana rehetra, satria tsy hiteny avy amin'ny tenany izy. Fa hilaza izay rehetra reny izy, ary hilaza aminareo ireo zavatra izay ho avy. [14]Hanome voninahitra Ahy izy, satria ny avy amin'ny Ahy ihany no hambarany aminareo.
[15]Izay rehetra anana'ny Ray dia Ahy. Noho izany, niteny Aho fa ilay Fanahy dia haka amin'izay Ahy ary hiteny izany aminareo. [16]Afaka fotoana fohy dia tsy hahita Ahy intsony ianareo, ary afaka fotoana fohy hafa dia hahita Ahy indray ianareo."
[17]Avy eo ny sasany tamin'ireo mpianany nifampiresaka hoe: "Inona ary izany lazainy antsika izany hoe: 'Afaka fotoana fohy dia tsy hahita Ahy intsony ianareo ary afaka fotoana fohy hafa dia hahita Ahy indray ianareo,' sy hoe: 'Satria ho any amin'ny Ray Aho'?" [18]Noho izany dia hoy izy ireo hoe: "Inona ary izany lazainy izany hoe: 'afaka fotoana fohy'? Tsy fantatray ny tiany hambara."
[19]Hitan'i Jesosy fa te-hanontany Azy izy ireo, dia hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Izao ve no anontanianareo tena, dia ny tiko hambara amin'ny fitenenana hoe: 'Fotoana fohy sy tsy hahita Ahy intsony ianareo, ary afaka fotoana fohy indray nefa dia hahita Ahy ianareo'? [20]Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, fa hitomany ianareo ary hitaraina, fa izao tontolo izao kosa hifaly. Ho feno alahelo ianareo, kanefa ho lasa hafaliana izany alahelonareo izany. [21]Rehefa mihetsi-jaza ny vehivavy iray dia malahelo satria tonga ny fotoany, fa rehefa teraka kosa ilay zazakely, dia tsy tsaroany intsony ny alahelony nohon'ny hafaliany fa nisy zazakely teraka eo amin'izao tontolo izao.
[22]Ka malahelo ianareo ankehitriny, kanefa Aho mbola hiaona aminareo indray, ary ho faly ny fonareo, ary tsy hisy hanaisotra izany hafalianareo izany aminareo. [23]Amin'izany andro izany dia tsy hangataka amiko na inona na inona ianareo. Lazaiko aminareo, marina, dia marina tokoa, raha mangataka na inona na inona amin'ny Ray amin'ny anarako ianareo, dia homeny anareo izany. [24]Hatramin'izao anefa tsy mbola nanagataka na inona na inona tamin'ny anarako ianareo. Mangataha, dia homena ianareo mba ho feno ny hafalianareo.
[25]Efa nolazaiko taminareo tamin'ny fanoharana ireo zavatra ireo, fa avy ny ora rehefa tsy hiresaka aminareo amin'ny fanoharana intsony Aho, fa kosa hilaza aminareo mazava ny momban'ny Ray.
[26]Amin'izany andro izany dia hangataka amin'ny anarako ianareo ary tsy hilaza anareo Aho hoe hivavaka amin'ny Ray ho anareo, [27]fa ny Ray mihitsy no tia anareo satria nitia Ahy ianareo ary nino fa avy any amin'ny Ray Aho. [28]Avy amin'ny Ray Aho, ary tonga teto an-tany. Fa handao izao tontolo izao Aho ary ho any amin'ny Ray."
[29]Hoy ny mpianany taminy hoe: "Jereo, Ankehitriny Ianao miteny mazava tsara ary tsy mampiasa fanoharana. [30]Fantatray ankehitriny fa mahalala ny zava-drehetra Ianao, ary tsy misy tianao hametraka fanontaniana aminao. Noho izany, dia mino izahay fa avy amin'Andriamanitra Ianao." [31]Namaly azy ireo Jesosy hoe: "Mino amin'izay ve ianareo?
[32]Indro, tonga izao ny ora, eny, tonga tokoa, rehefa hiparitaka ianareo, ny tsirairay samy any amin'ny tranony avy manokana, dia havelanareo irery Aho. Nefa tsy irery Aho satria miaraka amiko ny Ray. [33]Efa nolazaiko taminareo ireo zavatra ireo mba hanana fiadanana ato Amiko ianareo. Manan'olana ianareo eto amin'izao tontolo izao, nefa mahereza: efa nandresy izao tontolo izao Aho."

17 [1]Rehefa avy niteny ireo zavatra ireo Jesosy, dia nanandratra ny masony ho amin'ny lanitra Izy ka nanao hoe: "Ray ô, tonga ny fotoana, mankalazà ny Zanakao mba hankalazan'ny Zanaka Anao_ [2]tahaka ny nanomezanao Azy fahefana ambonin'ny nofo rehetra mba hanomezany fiainana mandrakizay ho an'izay rehetra nomenao Azy.
[3]Izao no fiainana mandrakizay: dia ny ahafantaran'izy ireo Anao, ilay Andriamanitra tokana sady marina, ary Izy izay nirahinao, dia Jesosy Kristy. [4]Nankalaza Anao aho teto an-tany. Efa vitako ny asa izay nomenao Ahy ho ataoko.
[5]Ankehitriny, ry Ray, hankalazao miaraka amin'ny tenanao Aho amin'ny voninahitra izay nananako niaraka taminao talohan'ny nahariana izao tontolo izao.
[6]Nampahafantatra ny anaranao tamin'ny olona izay nomenao Ahy avy amin'izao tontolo izao Aho. Anao ireny, ary nomenao Ahy, ary notandremany ny teninao. [7]Ankehitriny fantatr'izy ireo fa ny zavatra rehetra izay nomenao Ahy dia avy aminao, [8]satria nomeko azy ireo avokoa ny teny izay nomenao Ahy. Noraisin'izy ireo ireny ary fantany marina tokoa fa avy taminao Aho, ary nino izy ireo fa Ianao no naniraka Ahy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Mivavaka ho azy ireo Aho. Tsy mivavaka ho an'izao tontolo izao Aho fa ho an'ireo izay nomenao Ahy, noho izy ireo Anao.
[10]Ny zavatra rehetra izay Ahy dia Anao, ary izay Anao dia Ahy, ary hankalazaina amin'ireny Aho. [11]Tsy amin'izao tontolo izao intsony Aho, fa ireo olona ireo dia eto amin'izao tontolo izao, ary manatona anareo Aho. Ray Masina o, tazomy amin'ny anaranao izay nomenao Ahy izy ireo mba hitambatra ho iray, tahaka ny maha iray Antsika.
[12]Raha mbola teo amin'izy ireo Aho, dia nihazona azy ireo tamin'ny anaranao, izay nomenao Ahy. Niaro azy ireo Aho, ary tsy nisy very na dia iray aza, afa-tsy ny zanaky ny fahaverezana ihany, mba ho tanteraka ny Soratra Masina. [13]Ary ho any aminao Aho, fa milaza ireo zavatra ireo amin'izao tontolo izao Aho mba hahatanteraka ny hafaliako ao amin'izy ireo.
[14]Efa nomeko azy ireo ny teninao, ary nankahalain'izao tontolo izao izy ireo satria tsy avy amin'izao tontolo izao, tahaka Ahy tsy an'izao tontolo izao.
[15]Izaho dia tsy mangataka Aminao ny hanalanao azy ireo amin'izao tontolo izao, fa ny mba hiarovanao azy ireo amin'ilay ratsy. [16]Izy ireo dia tsy an'izao tontolo izao, tahaka Ahy tsy an' izao tontolo izao. [17]Hamasino amin'ny fahamarinana izy ireo. Fa ny teninao no fahamarinana.
[18]Tahaka ny nanirahanao Ahy ho amin'izao tontolo izao, no nanirahako azy ireo ho amin'izao tontolo izao ihany koa. [19]Fa nohon'ny fitiavako azy ireo no nanamasinako ny tenako, mba hanamasinana ny tenan'izy ireo amin'ny fahamarinana ihany koa.
[20]Izaho dia tsy mivavaka ho an'ireo fotsiny, fa ho an'ireo izay hino Ahy amin'ny alalan'ny tenin'izy ireo koa [21]mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka anao, Ray, ato amiko, ary Izaho ao aminao. Mivavaka Aho mba ho ao amintsika ihany koa izy ireo mba hinoan'izao tontolo izao fa naniraka Ahy Ianao.
[22]Ny voninahitra izay nomenao Ahy, dia nomeko azy ireo, mba ho iray izy ireo, tahaka ny maha iray antsika. [23]Izaho ao amin'izy ireo, ary Ianao ato amiko—ka ho tena iray tanteraka tokoa izy ireo, mba ho fantatr'izao tontolo izao fa naniraka Ahy Ianao, ary nitia azy ireo tahaka ny nitiavanao Ahy.
[24]Ray ô, ireo izay nomenao Ahy dia tiako hiaraka amiko na aiza na aiza misy Ahy, ary hahita ny voninahitro, ilay voninahitra izay nomenao Ahy satria nitia Ahy Ianao talohan'ny nahariana izao tontolo izao.
[25]Ray marina ô, tsy nahalala Anao izao tontolo izao, fa Izaho mahalala Anao; ary izy ireo mahalala fa naniraka Ahy ianao.
[26]Nampahafantariko azy ireo ny anaranao, ary mbola ho hampahafantariko izany mba ho ao amin'izy ireo ny fitiavana izay nitiavanao Ahy, ary Izaho ho ao amin'izy ireo."

18 [1]Taorian'ny nitenenan'i Jesosy ireo teny ireo, dia nivoaka niaraka tamin'ireo mpianany Izy ho eny ampita eny amin'ny lohasan-drika an'i Kidrona, izay nisy saha nidirany sy ireo mpianany. [2]Ary Jodasy, Izay hamadika an'i Jesosy, nahafantatra ny toerana koa, satria nandeha matetika teny Jesosy sy ireo mpianany. [3]Avy eo Jodasy, nitarika ireo vondrona miaramila sy ireo mpiandry raharaha sasany avy amin'ireo lohan'ny mpisorona sy Fariseo, nandeha tany niaraka tamin'ny fanilo, fanala ary fitaovam-piadina.
[4]Avy eo Jesosy, izay efa nahafantatra ny zavatra rehetra hitranga Aminy, nandroso teo aloha ary nanontany azy ireo hoe: "Iza no tadiavinareo?" [5]Namaly Azy izy ireo hoe: "Jesosy avy any Nazareta." Ary hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Izaho no Izy." Jodasy, izay namadika Azy, dia nitsangana niaraka tamin'ireo miaramila ihany koa.
[6]Ka rehefa niteny tamin'izy ireo Izy hoe: "Izaho no Izy", dia nihemotra izy ireo ka lavo tamin'ny tany. [7]Avy eo indray dia nanontany azy ireo Izy hoe: "Iza no tadiavinareo?" Ary niteny indray izy ireo hoe: "Jesosy avy any Nazareta."
[8]Jesosy namaly hoe: "Niteny anareo Aho fa Izaho no Izy. Noho izany raha mitady Ahy ianareo, dia avelao ireto handeha."
[9]Izany dia mba hahatanteraka ny teny nolazainy hoe: "Amin'ireo izay nomenao Ahy, tsy nasiko very na iray aza."
[10]Avy eo Simona Petera, izay nanana sabatra, namoaka izany ary namely ilay mpanompon'ny mpisoronabe ka nahakapa ny sofiny ankavanana. Ary Malko no anaran'ilay mpanompo. [11]Hoy Jesosy tamin'i Petera hoe: "Avereno ao amin'ny tranony ny sabatrao. Tsy tokony hisotro ny kapoaka izay nomen'ny Ray Ahy ve Aho?"
[12]Noho izany ireo vondrona miaramila sy ny kapiteny, ary ireo mpiandry raharahan'ireoJjiosy, dia nisambotra an'i Jesosy ary namatotra Azy. [13]Nentin'ireo tany amin'i Anasy Izy aloha, satria izy dia rafozan-dahin'i Kaiafa, Izay mpisoronabe tamin'io taona io. [14]Ary Kaiafa dia ilay nanome hevitra ireo Jiosy fa tsara kokoa raha misy olona iray maty ho an'ny vahoaka.
[15]Nanaraka an'i Jesosy Simona Petera, ary nanao toy izany ihany koa ny mpianatra iray hafa. Ary fantatr'ilay mpisoronabe izany mpianatra izany, ary niditra niaraka tamin'i Jesosy tao amin'ny kianjan'ny mpisoronabe izy; [16]fa Petera dia nijoro tao ivelan'ny vavahady. Noho izany ilay mpianatra hafa, izay fantatry ny mpisoronabe, dia nivoaka ka niresaka tamin'ilay mpanompo vavy izay mpiambina ny vavahady ary nitondra an'i Petera hiditra.
[17]Avy eo ilay mpanompo vavy, mpianbinana ny vavahady, niteny tamin'i Petera hoe: "Ianao koa ve tsy iray amin'ny mpianatr'io leihilahy io?" Hoy izy hoe: "Tsy izy aho." [18]Ary nijoro teo ireo mpanompo sy ireo mpiandry raharaha, ary nandrehitra afon'arina izy ireo, satria nangatsiaka ny andro; ka nanafana ny tenan'izy ireo. Petera koa niaraka tamin'izy ireo, nijoro teo ary nanafana ny tenany.
[19]Nanontany an'i Jesosy momba ireo mpianany sy ny fampianarany ny mpisorinabe. [20]Jesosy namaly azy hoe: "Niteny ampahibemaso tamin'izao tontolo izao Aho. Nampianatra mandrakariva tao amin'ny synagoga sy tao amin'ny tempoly Aho izay nifampintaonan'ny Jiosy rehetra. Tsy nisy nolazaiko tamin'ny takona. [21]Nahoana ianao no nanontany Ahy? Anontanio an'ireo izay nandre Ahy momba izay nolazaiko. Jereo, ireo olona ireo dia mahalala izay nolazaiko."

[22]Rehefa avy niteny izany Jesosy, dia nisy iray tamin'ireo mpiandry raharaha nijoro teo namelaka tehamaina an'i Jesosy ary niteny hoe: "Izany ve no fomba hamalianao ny mpisoronabe?" [23]Jesosy namaly azy hoe: "Raha niteny zavatra diso Aho, mijoroa vavolombelona amin'izany diso izany, fa raha marina, nahoana ianao no mamely Ahy?" [24]Avy eo Anasy nandefa Azy mifatotra nankany amin'i Kaiafa ilay mpisoronabe.
[25]Ary nitsangana Petera ka nanafana ny tenany. Avy eo hoy ireo olona taminy hoe: "Ianao koa ve tsy iray amin'ireo mpianany?" Nandà izany izy ary niteny hoe: "Tsy izy aho." [26]Iray tamin'ireo mpanompon' ny mpisoronabe, izay havan'ilay lehilahy izay nokapain'i Petera ny sofiny, niteny hoe: "Tsy hitako niaraka taminy tao amin'ny saha ve ianao?" [27]Avy eo Petera nandà indray, ary avy hatrany dia naneno ny akoho.
[28]Avy eo nentin'izy ireo avy tao amin'i Kaiafa ho any anaty rova Jesosy. Mbola maraina be ny andro tamin'izany, ary izy ireo dia tsy niditra tao anaty rova mba tsy ho voaloto fa efa hihinana ny Paska. [29]Ka nivoaka teo amin'izy ireo Pilato ka niteny hoe: "Inona ny fiampangana entinareo manohitra ity lehilahy ity?" [30]Namaly izy ireo ary niteny taminy hoe: "Raha tsy mpanao ratsy io lehilahy io, dia tsy ho natolotray anao."
[31]Noho izany Pilato niteny tamin'izy ireo hoe: "Hentonareo Izy, ary tsarao araky ny lalànareo." Hoy ireo Jiosy taminy hoe: "Tsy ara-dalàna ho anay ny manolotra olona ho faty." [32]Nilaza izany izy ireo mba hahatanteraka ny tenin'i Jesosy izay noteneniny mba hilazana hoe karazana fahafatesana toy ny inona no hahafatesany.
[33]Avy eo niditra tao anaty rova indray Pilato ka niantso an'i Jesosy ary niteny taminy hoe: "Ianao ve no mpanjakan'ny Jiosy?" [34]Jesosy namaly hoe: "Manontany avy amin'ny tenanao ve ianao, sa nisy hafa niteny anao momba Ahy?" [35]Pilato namaly hoe: "Tsy Jiosy aho, sa tsy izany?" Ny vahoakanao sy ireo lohan'ny mpisorona no nanolotra anao tamiko. Inona no nataonao?"
[36]Jesosy namaly hoe: "Ny fanjakako dia tsy avy eto amin'izao tontolo izao. Fa raha mba ao anatin'izao tontolo izao ny fanjakako, dia hiady ireo mpanompoko mba tsy hanolorana Ahy amin'ireo Jiosy. Fa ankehitriny ny fanjakako dia tsy avy ety." [37]Avy eo Pilato niteny taminy hoe: "Mpanjaka ary ve izany Ianao?" Jesosy namaly hoe: "Voalazanao fa mpanjaka Aho. Fa ho amin'izany tanjona izany no nahaterahako, ary ho amin'izany antony izany no niaviko eto amin'izao tontolo izao, mba hijoroko vavolombelona amin'ny fahamarinana. Ireo rehetra izay an'ny fahamariana dia mihaino ny feoko."
[38]Pilato niteny taminy hoe: "Inona no atao hoe marina?" Rehefa avy niteny izany izy, dia nivoaka indray ary niteny tamin'ireo jiosy hoe: "Tsy mahita heloka amin'ity lehilahy ity aho. [39]Fa ianareo manana fomba izay hanafahako olona iray ho aminareo amin'ny Paska. Noho izany tianareo ve ny hanafahako aminareo ny mpanjakan'ny Jiosy?" [40]Avy eo ireo nihiaka mafy indray izy ireo ary niteny hoe: "Tsy io lehilahy io, fa Barabasy." Ary Barabasy dia mpangalatra.

19 [1]Avy eo nentin'i Pilato Jesosy ka nokapohiny. [2]Nandrandrana satroka tsilo ireo miaramila. Napetrak'izy ireo teo amin'ny lohan'i Jesosy izany ary nampitafy lamba volomparasy Azy. [3]Nanantona Azy izy ireo ary niteny hoe: "Arahaba, ry mpanjakan'ny Jiosy!" ary nikapoka Azy izy ireo.
[4]Avy eo nivoaka indray Pilato ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Indro, entiko aminareo eto ivelany Izy mba hahafantaranareo fa tsy mahita heloka Aminy aho." [5]Ka nivoaka Jesosy, nanao ilay fehiloha tsilo sy ilay lamba volomparasy. hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Indro, ity ilay lehilahy!" [6]Rehefa hitan'ny lohan'ny mpisorona sy ny manamboninahitra Jesosy, dia nihiaka mafy izy ireo ka niteny hoe: "Homboy izy, homboy izy!" Dia hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Alaivonareo Izy ary homboy, fa izaho tsy mahita heloka Aminy."
[7]Namaly azy ireo Jiosy hoe: "Manana lalàna isika, ary araka ny lalàna dia tokony ho faty Izy satria mitonon-tena ho Zanak'Andriamanitra." [8]Rehefa ren'i Pilato izany fanambarana izany, dia nihanatahotra kokoa izy, [9]ary niditra tao amin'ny lapam-panjakana indray izy ka niteny tamin'i Jesosy hoe: "Avy aiza ny fihavianao?" Kanefa tsy nanome valin-teny azy Jesosy.
[10]Avy eo Pilato niteny taminy hoe: "Tsy manana ambara amiko ve ianao? Tsy fantatrao ve fa manana fahefana hanafaka Anao aho, sy fahefana hanombo Anao?" [11]Namaly azy Jesosy hoe: "Tsy manana fahefana Amiko ianao raha tsy nomena anao avy any ambony izany. Noho izany, izy izay nanolotra Ahy taminao dia manana heloka bebe kokoa."
[12]Tamin'izany valin-teny izany, dia niezaka ny hanafaka Azy Pilato, fa nihiaka mafy ireo Jiosy, nanao hoe: "Raha afahanao io lehilahy io, dia tsy naman'i Kaisara ianao. Izay rehetra manao ny tenany ho mpanjaka dia manohitra an'i Kaisara."
[13]Rehefa ren'i Pilato ireo teny ireo, dia nentiny nivoaka Jesosy ary nipetraka teo amin'ny seza fitsarana izay antsoina hoe "lampivato", fa amin'ny teny Hebreo hoe "Gabata."
[14]Ary tonga ny andro fanomanana ny Paska, teo amin'ny ora faha enina teo. Hoy Pilato tamin'ireo Jiosy hoe: "Indro, ity ny mpanjakanareo!" [15]Nihiaka mafy izy ireo hoe: "Avelao Izy, avelao Izy; homboy Izy!" Hoy Pilato tamin'izy ireo hoe: "Tokony hanombo ny mpanjakanareo ve aho?" Namaly ireo lohan'ny mpisorona hoe: "Tsy manana mpanjaka akotran'i Kaisara izahay." [16]Avy eo dia natolotr'i Pilato azy ireo ho homboina Jesosy.
[17]Avy eo nalain'izy ireo Jesosy, ary nandeha nivoaka izy, nilanja ny hazofijaliana, ho any amin'ilay toerana antsoina hoe "toeran'ny karandoha," izay amin'ny Hebreo antsoina hoe '"Golgota." [18]Nombohan'ireo tany Jesosy, ary nisy lehilahy roa hafa niaraka taminy, iray isaky ny ilany, ary Jesosy teo afovoany.
[19]Nanoratra famantarana ihany koa Pilato ary nametraka izany teo amin'ny hazofijaliana. Izao no voasoratra teo: JESOSY AVY ANY NAZARETA, ILAY MPANJAKAN'NY JIOSY. [20]Maro tamin'ireo Jiosy no namaky izany famantarana izany satria tsy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

lavitra ny tanàna no misy ny toerana nanomboana an'i Jesosy. Ilay famantarana dia nosoratana tamin'ny Hebreo, Latina, ary Grika.
[21]Avy eo hoy ireo lohan'ny mpisoron'ny Jiosy tamin'i Pilato hoe: "Aza soratana hoe: 'Ilay Mpanjaka'ny Jiosy,' fa aleo hoe: 'Ity iray ity dia niteny hoe: "Izaho no mpanjakan'ny Jiosy.'" [22]Ary namaly Pilato hoe: "Izay voasoratro dia voasoratro."
[23]Rehefa nombohan'ireo miaramila Jesosy, dia nalain'izy ireo ny lambany, ka nozarain'izy ireo efatra, dia samy manana iray avy ireo; ary ilay akanjo ihany koa. Ary tsy misy vitrana ilay akanjo, fa tenona iray ihany. [24]Avy eo nifampiresaka izy ireo hoe: "Aleo tsy rovitintsika ity, fa kosa andeha hilokana ahitana izay mahazo azy." Nitranga izany mba hahatanteraka ny Soratra Masina izay milaza hoe: "Nifampizaran'izy ireo ny lambako ary nolokainy ny fitafiako." Izany no nataon'ireo miaramila.
[25]Ary nijoro teo akain'ny hazofijalian'i Jesosy ny reniny, ny rahavavin-dreniny, Maria vadin'i Klopa, ary Maria Magdalena.
[26]Rehefa nahita ny reniny sy ireo mpianatra izay tiany nijoro teo akaiky teo Jesosy, dia niteny tamin'ny reniny Izy hoe: "Ravehivavy, indro, ny zanakao lahy!" [27]Avy eo hoy Izy tamin'ny mpianatra hoe: "Indro, ny reninareo!" Ary tamin'izany ora izany dia nalain'ny mpianatra ho any aminy izy.
[28]Taorian'izany, rehefa nahafantatra fa vita ny zavatra rehetra ka mba ho tanteraka ny Soratra Masina, dia hoy Jesosy hoe: "Mangetaheta Aho." [29]Ary nisy tavoara feno divay marikivy nipetraka teo amin'io toerana io, ka nasian'izy ireo divay marikivy ny sipaonjy ka notohizany tamin'ny hysopa ary napetapetany tamin'ny vavany. [30]Rehefa nisotro ilay vinaingitra Jesosy, dia hoy Izy hoe: "Efa vita." Nahondriny ny lohany ary niala ny fanahiny.
[31]Satria andron'ny fihomanana tamin'izany, ka mba tsy hijanona eo amin'ny hazofijaliana mandritry ny Sabata (satria ny Sabata dia andro manan-danja manokana) ireo vata-mangatsiaka, dia nangataka tamin'i Pilato ireo Jiosy avy eo, ny mba hanapahana ny tongotr'izy ireo ary hanalana azy ireo. [32]Avy eo nanatona ireo miaramila ka nanapaka ny tongotr'ilay lehilahy voalohany sy ilay lehilahy faharoa izay voahombo niaraka tamin'i Jesosy. [33]Rehefa nanatona an'i Jesosy izy ireo, dia nahita fa efa maty Izy, ka tsy notapahin'izy ireo ny tongony.
[34]Kanefa, nisy miaramila iray nanindrona ny lanivoany tamin'ny lefona, ary avy hatrany dia nisy rà sy rano niraraka.
[35]Ilay iray izay nahita izany dia nijoro vavombelona, ary marina ny fanambarany. Fantany fa marina izay nolazainy mba hinoanareo ihany koa.
[36]Fa ireo zavatra ireo no nitranga mba hahatanteraka ny Soratra Masina hoe: "Tsy hisy ho tapaka na dia iray amin'ny taolany aza." [37]Ary mbola, misy Soratra Masina hafa milaza hoe: "Izy ireo dia hijery Azy izay nolefonin'izy ireo."
[38]Taorian'ireo zavatra ireo, Josefa avy ao Arimatia, hatramin'ny naha-mpianatr'i Jesosy azy (fa tao amin'ny mangingina nohon'ny fatahorana ireo Jiosy), nanontany an'i Pilato raha afaka maka ny vatan'i Jesosy izy. Nomen'i Pilato alalana izy. Ka tonga Josefa ary naka ny vatany. [39]Tonga tany ihany koa Nikodemosy, izy izay tonga voalohany hijery an'i Jesosy ny alin'iny. Ary nitondra menaka manitra sy vahona izy, teo amin'ny zato litatra teo ny fatrany.
[40]Ka noraisin'izy ireo ny vatan'i Jesosy ary namono izany tamin'ny lambam-paty sy zava-manitra, araka ny fomba fandevenana Jiosy. [41]Ary teo amin'ny toerana nanomboana Azy dia nisy saha; ary teo amin'ilay saha nisy fasana vaovao izay mbola tsy nandevenan'olona. [42]Satria andron'ny fiomanan'ireo Jiosy tamin'izany ary satria akaiky ny fasana, dia nalevin'izy ireo tao Jesosy.

20 [1]Ary vao marainan'ny andro voalohan'ny erinandro, raha mbola maizina iny, dia nankeny amin'ny fasana Maria Magdalenina ary nahita ilay vato efa nikisaka lavitra ilay fasana izy. [2]Noho izany dia nihazakazaka izy ary nanatona an'i Simona Petera sy ilay mpianatra hafa izay tian'i Jesosy, ary hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Nalain'izy ireo tao amin'ny fasana ny Tompo, ary tsy fatatray izay nametrahan'izy ireo Azy."
[3]Avy eo nandeha nivoaka Petera sy ilay mpianatra hafa, ary nankany amin'ny fasana izy ireo. [4]Samy niazakazaka izy ireo, ary nosongonan'ilay mpianatra hafa haingana Petera ary dia izy no tonga voalohany teny amin'ny fasana. [5]Avy eo niondrika izy, ary natazana ilay lambam-paty nipetraka teo, fa tsy mbola nitsofoka tao anatiny izy.
[6]Tonga taoriany avy eo Simona Petera ary niditra tao am-pasana. Tazany nipetraka teo ilay lambam-paty [7]sy ilay lamba natao teny amin'ny lohany. Tsy niara-nipetraka tamin'ilay lambam-paty anefa ilay izy fa nivalona ho azy teo amin'ny toerany.
[8]Avy eo ilay mpianatra iray hafa, ilay tonga voalohany teo amin'ny fasana, niditra tao anatiny koa, ary nahita sy nino izy.
[9]Fa hatramin'io fotoana io izy ireo dia tsy mbola nahafantatra ny Soratra Masina ihany fa Izy dia tsy maintsy hitsangana amin'ny maty. [10]Ka dia niverina tany an-trano indray ireo mpianantra.
[11]Fa Maria dia nijoro nitomany teo ivelan'ny fasana. Raha izy nitomany iny, dia niondrika tao amin'ilay fasana. [12]Nahita anjely roa mitafy lamba fotsy nipetraka izy, ny iray teo an-doha, ary ny iray teo an-tongotra teo amin'ilay toerana nametrahana ny vatan'i Jesosy. [13]Hoy izy ireo taminy hoe: "Ravehivavy, nahoana ianao no mitomany?" Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Satria nentin'izy ireo ny Tompoko, ary tsy fantatro izay nametrahan'izy ireo Azy."
[14]Rehefa avy niteny izany izy, dia nitodika ary naita an'i Jesosy nijoro teo, fa tsy fantany anefa hoe Jesosy io. [15]Hoy Jesosy taminy hoe: "Ravehivavy, Nahoana ianao no mitomany? Fa iza no jerenao?" Noheveriny fa ilay mpiambina anefa Izy, ka hoy izy taminy hoe: "Tompoko, raha Ianao no naka Azy, dia lazao amiko ny nametrahanao Azy, fa ho alaiko any Izy."
[16]Hoy Jesosy taminy hoe: "Maria." Nitodika izy, ary niteny taminy tamin'ny teny Hebreo hoe: "Rabôny" (izay midika hoe: "Mpampianatra.") [17]Hoy Jesosy taminy hoe: "Aza mikasika Ahy, fa tsy mbola niakatra any amin'ny Ray Aho, fa mandehana

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

any amin'ireo rahalahiko ary teneno azy ireo fa hiakatra any amin'ny Raiko sy Rainareo Aho, ary ny Andriamanitro sy Andriamanitrareo." [18]Nandeha Maria Magdalenina ary niteny ireo mpianatra hoe: "Nahita ny Tompo aho," ary ireo zavatra ireo no nolazainy taminy.
[19]Ary hariva tamin'izay, tamin'io andro io, andro voalohan'ny herinandro, ary ireo varavarana izay nisy ireo mpianatra, dia nidy nohon'ny fatahorana ireo Jiosy, nanatona Jesosy ary nijoro teo afovoan'izy ireo ka niteny azy ireo hoe: "Fiadanana ho anareo." [20]Rehefa avy niteny izany Izy, dia nasehony azy ireo ny tanany sy ny lanivoany. Faly ireo mpianatra rehefa nahita ny Tompo.
[21]Avy eo Jesosy niteny azy ireo hoe: "Fiadanana ho anareo. Toy ny nanirahin'ny Ray Ahy, no hanirahako anareo koa."
[22]Rehefa avy niteny izany Jesosy, dia nitsoka ny fofon'ainy tamin'izy ireo ary niteny azy ireo hoe: "Raiso ny Fanahy Masina. [23]Na helok'iza na helok'iza avelanareo, dia ho voavela izy ireo; ary na an'iza na an'iza tsy avelanareo, dia tsy voavela izy ireo."
[24]Tomasy, iray tamin'ireo roa ambin'ny folo, nantsoina hoe Didymo, dia tsy niaraka tamin'izy ireo rehefa tonga Jesosy.
[25]Ireo mpianatra hafa avy eo niteny taminy hoe: "Hitanay ny Tompo." Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Raha tsy hitako eny amin'ny tanany ny loakin'ireo fantsika, ary mametraka ny ratsan-tanako ao anatin'ilay loakin'ireo fantsika aho, ary mametraka ny tanako eo amin'ny lanivoany, dia tsy hino aho."
[26]Valo andro taty aoriana dia tao indray ireo mpianany, ary niaraka tamin'izy ireo Tomasy. Nanatona Jesosy raha nihidy ny varavarana, ary nijoro niaraka teo amin'izy ireo, ary niteny hoe: "Fiadanana ho anareo." [27]Avy eo niteny an'i Tomasy izy hoe: "Manatona ety miaraka amin'ny tananao ary apetraho eto amin'ny lanivoako izany. Aza kely finoana, fa minoa."
[28]Tomasy namaly ary niteny Azy hoe: "Tompoko sy Andriamanitro." [29]Hoy Jesosy taminy hoe: "Satria nahita Ahy ianao, dia nino. Sambatra ireo izay tsy nahita, nefa mino."
[30]Ankehitriny Jesosy dia nanao famantarana maro hafa teo anatrehan'ireo mpianany, famantarana izay tsy voasoratra tao anatin'ity boky ity, [31]fa ireo dia voasoratra mba hafahanareo mino fa Jesosy no Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra, ary rehefa mino Azy ianareo, dia hahazo ny fiainana amin'ny anarany.

21 [1]Taorian'ireo zavatra ireo Jesosy dia niseho tamin'ireo mpianatra indray teo amin'ny ranomasin'i Tiberiasy. Toy izao ny fomba nisehoany: [2]Simona Petera dia niaraka tamin'i Tomasy izay antsoina hoe Didymo, Natanaela avy any Kana any Galilia, ireo zanak'i Zebedio, ary mpianatr'i Jesosy roa hafa. [3]Hoy Simona Petera tamin'izy ireo hoe: "Handeha hanarato aho." Ary hoy izy ireo taminy hoe: "Izahay, koa, handeha hiaraka aminao." Ka lasa izy ireo ary niditra tao an-tsambokely iray, fa tsy nahazo na inona na inona izy ireo nandritry ny alina tontolo.
[4]Ary, raha efa mangiran-dratsy sahady ny andro, dia nijoro teo an-dranomasina Jesosy, fa tsy fantatr'ireo mpianatra hoe Jesosy io. [5]Ka hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Ry tovolahy, tsy manan-ko-hanina ve ianareo?" Namaly Azy izy ireo hoe: "Tsia." [6]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Atsipazo eo amin'ny sisiny ankavanan'ny sambokely ny haratonareo, dia hahazo ianareo." Ka dia natsipin'izy ireo ny haraton'izy ireo ary tsy nahavita nampiakatra izany tao nohon'ny habetsaky ny hazandrano.
[7]Avy eo hoy ilay mpianatra izay tian'i Jesosy tamin'i Petera hoe: "Ny Tompo io." Rehefa ren'i Simona Petera fa ny Tompo io, dia nampiditra ny ambonin'ankanjony izy (satria tsy niakanjo izy), ka nitsambikina tao anaty ranomasina. [8]Ireo mpianatra hafa nankao an-tsambokely (satria izy ireo tsy lavitry ny tanety, teo amin'ny roan-jato hakiho teo), ary nisintona ny harato feno hazandrano. [9]Rehefa tafiakatra an-tanety izy ireo, dia nahita afon'arina teny ary hazandrano teo amboniny, miaraka amin'ny mofo.
[10]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Mitondrà hazandrano maromaro amin'ireo vao azonareo teo." [11]Ary niakatra Simona Petera ka nisintona an-tanety ny harato, izay feno hazandrano vaventy; 153. Tena maro be, kanefa tsy nitriatra ilay harato.
[12]Hoy Jesosy tamin'izy ireo hoe: "Avia hisakafo maraina." Tsy nisy tamin'ireo mpianatra sahy nanontany Azy hoe: "Iza moa Ianao?" Fantatr'izy ireo fa ny Tompo io. [13]Nanatona Jesosy, nandray ny mofo, ary nanome izany azy ireo, toy izany koa ny hazandrano. [14]Fanintelony amin'io no nisehoan'i Jesosy tamin'ireo mpianatra taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty.
[15]Rehefa avy nihinana ilay sakafo maraina izy ireo, dia hoy Jesosy tamin'i Simona Petera hoe: "Simona zanak'i Jaona, tia Ahy mihoatra noho ireo ve ianao?" Hoy Petera taminy hoe: "Eny ry Tompo, fantatrao fa tia Anao aho." Hoy Jesosy taminy hoe: "Fahano ireo ondriko." [16]Niteny taminy fanindroany indray Izy hoe: "Simona zanak'i Jaona, tia Ahy ve ianao?" Hoy Petera taminy hoe: "Eny ry Tompo, fatatrao fa tia Anao aho." Hoy Jesosy taminy hoe: "Karakarao ny ondriko."
[17]Niteny taminy fanintelony izy hoe: "Simona, zanak'i Jaona, tia Ahy ve ianao?" Dia nalahelo Petera satria Jesosy nanao intelo taminy hoe: "Tia Ahy ve ianao?" Ka hoy izy taminy hoe: "Tompo, Ianao mahalala ny zavatra rehetra, fantatrao fa tia Anao aho." Hoy Jesosy taminy hoe: "Fahano ny ondriko." [18]Lazaiko aminao, marina, dia marina tokoa, fony mbola tanora ianao, dia zatra nampiditra irery ny akanjonao ary nandeha tamin'izay tianao, fa rehefa niha-antitra ianao, dia haninjitra ny tananao, ary olon-kafa no hampiakanjo anao sy hitondra anao amin'izay tsy tianao aleha."
[19]Ary Jesosy nilaza izany mba hahafantarana hoe amin'ny karazana fahafatesana toy ny inona no hanomezan'i Petera voninahitra an'Andriamanitra. Rehefa avy nilaza izany Izy, dia hoy Izy tamin'i Petera hoe: "Manaraha Ahy."

[20]Nitodika Petera ka nahita ilay mpianatra izay tian'i Jesosy nanaraka azy ireo, ilay iray izay niankina ampitan'i Jesosy ihany koa tao amin'ny fisakafoana ary nanao hoe: "Tompo, iza ilay iray hamadika Anao?" [21]Nahita azy Petera ary hoy izy avy eo tamin'i Jesosy hoe: "Tompo, inona no ho ataon'io lehilahy io?"
[22]Hoy Jesosy taminy hoe: "Raha tiako hitoetra izy mandra-piaviko, dia midika inona izany aminao? Manaraha Ahy." [23]Ka niparitaka teo amin'ireo mpirahalahy izany teny izany, fa tsy ho faty io mpianatra io. Nefa Jesosy tsy nilaza tamin'i Petera fa tsy ho faty ilay mpianatra hafa, fa hoe: "Raha tiako hitoetra izy mandra-pihaviko, dia midika inona izany aminao?"
[24]Izy ilay mpianatra izay nijoro vavolombelona momba ireo zavatra ireo, sy ilay nanoratra ireo zavatra ireo, ary fantatsika fa marina ny fanambarany. [25]Misy zavatra maro hafa koa izay nataon'i Jesosy. Raha voasoratra tsirairay avy izany, dia heveriko fa na dia izao tontolo izao aza tsy ho omby ny boky izay ho soratana.

Asan' ny apostoly

1 [1]Ny boky nosoratako teo aloha, ry Teofilo, dia manambara ny rehetra izay natombok' i Jesosy sy nampianariny,
[2]hatramin' ny andro nampiakarana azy, avy eo dia nandidy ireo Apostoly izay nofidiny tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina Izy. [3]Taorian'ny nijaliany, dia nampiseho ny tenany velona tamin'izy ireo Izy niaraka tamin'ireo porofo mandresy lahatra maro. Niseho tamin' izy ireo Izy nandritra ny andro efapolo andro, ary niresaka momba ny fanjakan'Andriamanitra.
[4]Rehefa nihaona niaraka tamin'izy ireo Izy, dia nandidy azy ireo tsy hiala ao Jerosalema, fa hiandry ny fampanantenan'ny Ray, momba izay, nolazainy hoe: "Nandre tamiko ianareo [5]fa nanao batisa tamin' ny rano tokoa i Jaona, fa ianareo dia tokony hatao batisa amin'ny Fanahy Masina ao anatin'ny andro vitsy".
[6]Rehefa tafavory niaraka izy ireo dia nanontany Azy izy ireo hoe: "Tompo, Izao ve no fotoana hamerenanao ny fanjakana ho an'Israely?" [7]Hoy Izy tamin'izy ireo hoe: "Tsy ianareo no hahafantatra ny fotoana na ireo vanin'andro izay notendren' ny Ray tamin'ny fahefany manokana. [8]Fa rehefa tonga kosa ny Fanahy Masina dia hahazo hery ianareo, ka ho lasa vavolombeloko eran' ny Jerosalema sy Jodia iray manontolo ary Samaria, sy hatrany am-paran-tany."
[9]Rehefa niteny izany zavatra izany i Jesosy Tompo, dia niandrandra izy ireo, nakarina Izy, ary ny rahona nanakona Azy teo imason' izy ireo. [10]Raha mbola nibanjina ny lanitra iny izy ireo tamin' ny nandehanany, tampoka teo, nisy roalahy niakanjo fotsy nitsangana teo anilan' izy ireo. [11]Niteny izy ireo hoe: "Ry lehilahy avy any Galilia, maninona ianareo no mitsangana eto mijery ny lanitra? Iny Jesosy nalaina taminareo izay nampiakarina any an-danitra iny, dia hiverina tahaka ny nahitanareo azy niakatra any an-danitra teo iny.
[12]Avy eo izy ireo dia niverina tany Jerosalema avy tao amin'ny tendrimbohitr'Oliva, izay eo akaikin'ny Jerosalema, mitovy amin'ny dian'ny andro Sabata iray. [13]Rehefa tonga izy ireo, dia niakatra tao amin'ny efitra ambony rihana, izay nitoeran' izy ireo. Izy ireo dia i Petera, Jaona, Jakoba, Andrea, Filipo, Tomasy, Bartolomeo, Matio, Jakoba zanak'i Alifeo, Simona Zelota, ary Jodasy zanak'i Jakoba. [14]Nitambatra ho iray izy rehetra, ary nazoto nivavaka. Anisan'izany ireo vehivavy, Maria renin'i Jesosy, sy ireo rahalahiny.
[15]Tamin' izany andro izany i Petera dia nitsangana teo afovoan' ireo rahalahiny, eo amin'ny ny olona 120 eo, ary niteny hoe [16]: "Ry rahalahy, tena nilaina ny fahatanterahan'ny Soratra Masina, izay nambaran' ny Fanahy Masina mialoha tamin' ny vavan'i Davida momba an' i Jodasy, izay nitondra ireo olona nisambotra an' i Jesosy."
[17]Fa anisan'ny iray amintsika izy ary nahazo ny anjarany tamin'izao fanompoana izao." [18](Ankehitriny io lehilahy io dia nividy saha tamin' ny vola azony tamin' ny faharatsiana izy, ary lavo nihohoka teo izy, ka nisokatra sy nipoaka ny vatany, ary nivoaka avokoa ny tsinainy. [19]Ireo olona rehetra tao Jerosalema dia naheno ny momba izany, ary niantso io saha io tamin'ny fitenin'izy ireo hoe: "Akeldama", izany hoe: "Sahan-dRà.")
[20]Fa efa voasoratra ao amin' ny Bokin'ny Salamo hoe: "Avelao ho lao ny sahany, ary aza avela na dia olona iray aza hipetraka ao'; 'Avelao ho raisin'ny olon-kafa ny andraikiny."
[21]Noho izany, dia ilaina, ny iray amin'ireo lehilahy niaraka tamintsika nandritran'ny fotoana rehetra nidiran' i Jesosy Tompo sy ny nivoahany teto amintsika, [22]hatramin'ny batisan'i Jaona ka hatramin'ny andro niakarany teo amintsika, dia tsy maintsy vavolombelona miaraka amintsika amin'ny fitsanganany." [23]Ary nametraka roa lahy izy ireo, dia i Josefa nantsoina hoe Barsabasy, na koa atao hoe Josto, ary Matia.
[24]Nivavaka izy ireo ary niteny hoe: "Ianao, ry Tompo, no mahalala ireo fon'ny olona rehetra, koa ambarao izay hofidinao amin' izy roalahy [25]mba haka ny toerana ato amin' izao fanompoana izao sy ny maha Apostoly nohon' ny fandikan-dalàna izay nataon' i Jodasy handeha ho any amin' ny toerany manokana. [26]Izy ireo dia niloka ho azy ireo, ary nilatsaka tamin'i Matia ny filokana, ary voaisa ho Apostoly iraika ambin' ny folo izy.

2 [1]Nony tonga ny andron'ny Pantekosta, niangona tamin'ny toerana iray izy rehetra. [2]Tampoka teo avy any an-danitra nisy feo toy ny rivotra mahery nifofofofo, ary nameno ny trano manontolo izay nipetrahan'izy ireo izany. [3]Nisy afo niendrika lela maro izay nizarazara, ary nipetraka teo ambonin'izy ireo tsirairay avy. [4]Izy rehetra dia feno ny Fanahy Masina ary nanomboka niteny tamin'ny fiteny maro samy hafa, araky ny nomen'ny Fanahy Masina hitenen'izy ireo.
[5]Ary nisy Jiosy izay nipetraka tao Jerosalema, olon'Andriamanitra, avy amin'ny firenena rehetra ambanin'ny lanitra.
[6]Rehefa nandre izany feo izany, dia tonga niraka ireo vahoaka sady sahiran-tsaina satria ny tsirairay dia samy nandre azy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ireo niteny tamin'ny fiteniny avy. [7]Izy ireo dia talanjona sy gaga; niteny hoe: "Marina, fa tsy ireo rehetra miteny ireo ve no Galileanina?
[8]Nahoana no maheno azy ireo isika, amin'ny fitenintsika tsirairay avy izay naha lehibe antsika? [9]Partianina sy Medianina ary Elemita, ary ireo izay mipetraka any Mesopotamia, any Jodia sy Kapadokia, any Ponto sy Asia, [10]Frygia sy Pamfylia, any Egypta ary Libya hatrany amin'i Kyrena, ary ireo mpitsidika avy any Roma, [11]Jiosy sy Proselyta, Kreatana sy Arabo, dia rentsika miresaka amin'ny fitenintsika momba ny asa lehibe ataon'Andriamanitra."
[12]Izy ireo dia gaga ary sahiran-tsaina; ary nifampiresaka izy ireo hoe: "Inona no dikan'izany?" [13]Fa ireo sasany naneso sady niteny hoe: "Izy ireo dia mamon'ny divay vaovao."
[14]Fa i Petera nitsangana niaraka tamin'izy iraik'ambin'ny folo, nampiakatra ny feony, ary nilaza tamin'izy ireo hoe: "Ry lehilahin'i Jodea sy ianareo rehetra izay mipetraka eto Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao, tandremo ireo teniko. [15]Ho an'ireo olona tsy mamo araka izay heverinareo, fa vao ora fahatelo amin'ny andro izao.
[16]Fa izao ilay voalaza tamin'i Joela mpaminany:[17]'Amin'ny andro farany,' Andriamanitra miteny hoe: 'Halatsako amin'ny olona rehetra ny Fanahiko. Ireo zanakareo lahy sy ny zanakareo vavy dia haminany, ny zatovonareo dia hahita fahitana, ary ny anti-dahinareo hanofy nofy.
[18]Toy izany koa ny amin'ireo mpanompoko lahy sy ny mpanompoko vavy amin'ireo andro ireo. Halatsako ny Fanahiko, ary izy ireo dia haminany. [19]Izao dia hampiseho zava-mahagaga eny amin'ny lanitra ambony sy famantarana eny amin'ny tany ambany, rà, afo, ary enton-tsetroka.
[20]Ny masoandro dia ho lasa haizina ary ny volana ho lasa rà, mialohan'ny andro lehibe sy miavaka hiavian'ny Tompo.
[21]Ary ny olona rehetra izay miantso ny anaran'Andriamanitra dia ho voavonjy.
[22]Ry olon'Israely, henoy izao teny izao: Jesosy avy any Nazareta, ilay olona nampisehoana anareo tamin'ny alalan'Andriamanitra mba ho marina amin'ireo asa lehibe, ireo fahagagana, ary ireo famantarana izay nataon'Andriamanitra taminy teo afovoanareo, araka ny fantatrin'ny tenanareo. [23]Io lehilahy io dia natolotry ny drafitr'Andriamanitra izay efa nomanina mialoha sy ny fahalalany, ary ny tanan'ny mpandika lalàna sy ianareo, namono azy tamin'ny famantsihana azy teo amin'ny hazo fijaliana. [24]Fa Andriamanitra nanangana Azy, nanafaka Azy tamin'ireo fanaintainan'ny fahafatesana, satria sarotra ho Azy ny niala tamin'izany.
[25]Fa i Davida miteny momba azy hoe, "Nahita ny Tompo teo anoloako mandrakariva aho, fa eto an-tanan-kavanako Izy ka tsy tokony hangozohozo aho.[26]Dia tena faly ny foko ary niravoravo ny lelako. Ary ihany koa, ny nofoko hivelona amin'ny fahatokiana.
[27]Fa tsy nilaozanao ho any amin'ny Fiainan-tsy hita ny fanahiko ary tsy hamela ny Iray Masinao ho lo ianao.
[28]Nampahafantatra ahy ireo lalan'ny fiainana Ianao; Ianao dia hameno fifaliana ahy amin'ny endrikao.'
[29]Ry rahalahy, afaka miresaka aminareo am-pitokiana momba an'i Davida Patriarika aho: efa maty izy no nalevina, ary ny fasany dia eto amintsika mandrak'androany. [30]Noho izany, mpaminany izy ary fantany fa efa nianiana taminy Andriamanitra, fa ny taranany no ho eo amin'ny seza fiandrianany. [31]Efa hitany izany dia niresaka momban'ny fitsangananan'i Kristy tamin'ny fahafatesana, 'sady izy tsy navela tao amin'ny fiainan-tsy hita, no tsy nanao ny nofony ho tratrin'ny fahaloavana.'
[32]Io Jesosy io-Andriamanitra no nanangana Azy, ka vavolombelon'izany izahay rehetra. [33]Noho izany rehefa nasandratry ny tanan'ankavanan'Andriamanitra Izy dia nandray ny Fanahy Masina nampanantenaina avy tamin'ny Ray, efa narotsany izany, izay hitanareo sy renareo.
[34]Fa i Davida dia tsy niakatra tany an-danitra, fa izy niteny oe: 'Ny Tompo nilaza tamin'ny Tompoko, "mitoera eto an-tanako ankavanako,[35]mandra-panaoko ny fahavalonao ho fitoeran-tongotrao.'" [36]Noho izany, aoka ho fantatry ny rehetra indrindra ny tranon' Israely fa Andriamanitra no nanao Azy ho Tompo sy Kristy, ilay Jesosy izay nombohanareo."
[37]Ary raha nandre izany izy ireo, voatsindrona ny fon'izy ireo, ary niteny tamin'i Petera sy ireo apostoly ambiny hoe: "Rahalahy, inona no tokony ho ataonay?" [38]Avy eo Petera niteny tamin'izy ireo hoe: "Mibebaha manaova batisa, ianareo tsirairay avy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ho famelana ny fahotanareo, sy handraisanareo ny fanomezan'ny Fanahy Masina. [39]Fa ny fampanantenana dia ho anareo sy ny zanakareo ary ireo rehetra izay lavitra, ka ho betsaka ireo olona izay ho antsoin' ny Tompo Andriamanintsika."
[40]Niaraka tamin'ny teny maro hafa no nijoroany ho vavolombelona sy nandrisihany azy ireo; nilaza izy hoe, "Vonjeo ny tenanao amin'ity taranaka ratsy fanahy ity."[41]Ary izy ireo nandray ny teniny ka natao batisa, ary tokony fanahin'olona teo amin'ny telo arivo teo ho eo no nampiana tamin'io andro io. [42]Nanohy sy niharitra ny asa fitoriana sy ny fampianaran'ny apostoly izy ireo, teo amin'ny fanampahana ny mofo sy ny fivavahana.
[43]Tonga teo amin'ny fanahin'ny tsirairay tahotra, ary fahagagana sy famantarana maro no vita tamin'ny alalan'ny apostoly. [44]Ireo rehetra nino dia niangona ary nanana zavatra nitovy, [45]ary izy ireo dia nivarotra ny taniny sy ny fananany ka nizara izany tamin'izy rehetra, arak'izay nilainy avy.
[46]Ary isan'andro isan'andro dia nitohy nanompo tamin'ny fomba fijery mitovy tao an-tempoly izy ireo, sy nanapaka ny mofo tao an-trano, ary nizara sakafo tamim-pifaliana sy fo feno fanetren-tena; [47]Nidera an'Andriamanitra ary nahazo fankasitrahana tamin'ny olona rehetra. Isan'andro ny Tompo dia nanampy ny isan'ireo izay voavonjy.

3

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Ary Petera sy i Jaona niakatra teny amin'ny tempoly tamin'ny oran'ny fivavahana, ny ora faha sivy. [2]Ary nisy lehilahy iray nalemy efa hatrany am-piterahana nentina isan'andro teny amin'ny Vavahady Tsaran'endriky ny tempoly, mba hangataka fanomezana ara-bola any amin'ireo olona izay mankeny amin'ny tempoly. [3]Rehefa nahita an'i Petera sy i Jaona izay handeha hiditra ny tempoly, dia nangataka fanomezana ara-bola tamin'izy ireo izy.
[4]Nibanjina ny masony niaraka tamin'i Jaona i Petera dia niteny hoe: "Jereo izahay". [5]Ilay lehilahy malemy nijery azy ireo, nanantena ny handray zavatra avy any amin'izy ireo. [6]Nefa i Petera niteny hoe: "Volafotsy sy volamena no tsy ananako, nefa izay ananako, no homeko anao. Amin'ny anaran'i Jesosy Kristy avy any Nazareta, mandehana."
[7]Nandray azy tamin'ny tanana havanana, i Petera nanangana azy, ary avy hatrany dia lasa natanjaka ny tongotr'ilay lehilahy sy ny kitrokeliny. [8]Nitsambikina, ilay lehilahy malemy dia nitsangana ka nanomboka nandeha; ary niaraka niditra tamin'i Petera sy i Jaona tao an-tempoly izy, nandeha, nitsambikina, ary nidera an'Andriamanitra.
[9]Ny olona rehetra dia nahita azy nandeha sy nidera an'Andriamanitra. [10]Tsikaritr'izy ireo fa izy ilay lehilahy nangataka fanomezana ara-bola tamin'ireo olona teo amin'ilay Vavahady Tsaran'ny tempoly; ary tena gaga sy talanjona izy ireo noho ny zavatra nitranga taminy.
[11]Ary noho izy nitazona an'i Petera sy Jaona, ny olona rehetra dia nirohatra nankeny amin'izy ireo teny amin'ny fialofana izay nantsoina hoe fialofan'i Solomona ny olona rehetra, ary tena talanjona. [12]Rehefa nahita izany i Petera dia namaly ny olona hoe: "Ianareo ry vahoakan'Israely, nahoana no talanjona ianareo? Nahoana ny masonareo no mandinika anay, ohatran'ny hoe herinay na fahamasinanay manokana no nampandeha azy?
[13]Ny Andriamanitry Abrahama, sy an'Isaka, ary an'i Jakoba, ilay Andriamanitr'ireo raintsika, nanome voninahitra an'i Jesosy mpanompony. Izy ilay natolotrareo sy nolavinareo teo anoloan'i Pilato, tamin'izy nanapa-kevitra ny handefa azy.
[14]Nolavinareo Ilay iray izay Masina sy Marina ary naleonareo nangataka ilay mpamono olona mba ho alefa ho anareo.
[15]Novonoinareo ny Mpanorina ny fiainana, izay natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty_ary vavolombelon'izany izahay.
[16]Ankehitriny, noho ny finoana amin'ny anarany_ilay lehilahy izay hitanareo sy fantatrareo_iny anarana iny ihany no nahatonga azy hahery. Ny finoana avy amin'i Jesosy no nanome izao fahasitranana feno izao ho azy eto anatrehanareo rehetra.
[17]Ankehitriny, ry rahalahy, fantatro fa nanao izany ianareo noho ny tsy fahalalanareo, toy ny nataon'ireo mpitondra anareo ihany koa. [18]Fa ireo zavatra izay voalazan'Andriamanitra mialoha tamin'ny vavan'ireo mpaminany rehetra, hoe tokony hijaly ny Kristiny, fa efa tanterany ankehitriny.
[19]Mibebaha, noho izany, ary miverena, mba ho voavono ny fahotanareo, mba ho tonga ny fotoana mahavelombelona eo anatrehan'ny Tompo; [20]ary mba handefa an'ilay Kristy izay voatendry ho anao izy, dia i Jesosy.
[21]Izy ilay tsy maintsy ho raisin'ny Lanitra ambara-pahatongavan'ny ora famerenana amin'ny laoniny ny zava-drehetra, momban'izay nolazain'Andriamanitra fahiny tamin'ny vavan'ireo mpaminany masina. [22]Niteny tokoa i Mosesy hoe: 'Ny Tompo Andriamanitra dia hanangana mpaminany toa ahy avy amin'ireo rahalahinareo. Ianareo hihaino ny zava-drehetra izay ho lazainy aminareo. [23]Hitranga ny hoe izay olona rehetra tsy mihaino izany mpaminany izany dia ho ringanina tanteraka tsy ho ao amin'olona.'
[24]Eny, ary ireo mpaminany rehetra nanomboka teo amin'i Samoela sy ireo izay tonga taoriany, dia niteny mafy sy nanambara ireo andro ireo. [25]Ianareo no zanak'ireo mpaminany sy ny fanekena izay nataon'Andriamanitra tamin'ireo razambe, araka ny nolazainy tamin'i Abrahama hoe: 'Ao amin'ny taranakao dia ho tahiana ireo fianakaviana rehetra eran-tany.' [26]Taorian'ny nananganan'Andriamanitra ny mpanompony, dia nandefa azy ho anareo aloha izy, mba hitahy anareo amin'ny fialanareo amin'ny faharatsianareo."

4 [1]Raha niresaka tamin'ireo vahoaka i Petera sy Jaona, dia tonga ireo mpisorona sy ny lehiben'ny mpiambina ny tempoly ary ireo Sadoseo. [2]Tezitra mafy izy ireo noho i Petera sy Jaona nampianatra ny vahoaka sy nitory ny fitsanganana amin'ny maty tamin'ny alalan'i Jesosy. [3]Nosamborina izy ireo ary natao tany am-ponja mandrapahatongan'ny maraina, satria efa hariva ny andro tamin'izany. [4]Kanefa maro tamin'ireo olona izay nandre ny hafatra no nino; ary ny isan'ireo lehilahy izay nino dia dimy arivo teo ho eo.
[5]Ary nony ampitson'iny dia niangona tao Jerosalema ny mpanapak'izy ireo, zokiolona ary ireo mpanora-dalàna. [6]Teo i Anasy mpisoronabe, Kaiafa, Jaona, sy Aleksandro sy izay rehetra havan'ireo mpisoronabe. [7]Nony naroso teo afovoany i Petera sy Jaona, dia nanontany azy ireo hoe: "Amin'ny hery inona, na amin'ny anarana inona, no nanaovanareo izany?"
[8]Avy eo i Petera, feno ny Fanahy Masina, dia niteny azy ireo hoe: "Ianao ry mpanapaka ny vahoaka, sy ny loholona, [9]raha nanontaniana momban'ny asa soa nataonay tamin'io lehilahy narary io izahay tamin'io andro io_tamin'ny fomba ahoana no nahasitrana io lehilahy io? [10]Dia aoka ho fantatrareo rehetra ary ny vahoakan'Israely rehetra, fa tamin'ny anaran'ny Jesosy Kristy avy any Nazareta, izay nohombohanareo, ilay natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty_tamin'ny alalany no ijoroan'ity lehilahy ity salama eto imasonareo."
[11]Jesosy Kristy dia vato izay nataonareo mpanori-trano tsinontsinona kanefa efa natao ho lohan'ny vato fehizoro. [12]Ary tsy misy famonjena avy amin'ny hafa, fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomen'ny olona izay tsy maintsy hahavonjy antsika".

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Ary rehefa nahita ny fahasahian'i Petera sy Jaona izy ireo, ary nahatsapa fa olon-tsotra, olona tsy nandia fianarana, dia talanjona izy ireo, nahafantatra fa niaraka tamin'i Jesosy i Petera sy Jaona. [14]Satria izy ireo nahita ilay lehilahy izay sitrana nijoro niaraka tamin'izy ireo, ka tsy nahita ambara hanoherana izany izy ireo.
[15]Fa rehefa avy nandidy ireo apostoly handao ny fivorian'ny filan-kevitra izy reo, dia nifampiresaka izy ireo. [16]Hoy izy ireo hoe: "Inona no tokony ho atao amin'ireto lehilahy ireto? Noho ny fahagagana vita tamin'ny alalan'izy ireo dia fantatr'ireo olona rehetra mipetraka eto Jerosalema, ary tsy azontsika lavina. [17]Fa mba tsy hiparitahan'izany amin'ny vahoaka kosa, dia handao isika hampitandrina azy ireo mba tsy hitenenan'izy ireo izany anarana izany intsony. [18]Nantsoiny hiditra i Petera sy Jaona ary noteneniny izy ireo tsy hiteny sy tsy hampianatra amin'ny anaran'i jesosy intsony.
[19]Kanefa namaly azy ireo kosa i Petera sy Jaona niteny hoe: "Raha marina eo imason'Andriamanitra ny manaiky anareo mihoatra Azy, dia ianareo no mitsara. [20]Tsy afaka ny hijanona tsy hiteny momba ireo zavatra hitanay sy renay izahay."
[21]Taorian'ny fampitandremana an'i Petera sy Jaona, dia navelany nandeha izy ireo. Fa tsy nahita fomba hanasaziana azy ireo izy ireo, satria nidera an'Andriamanitra ireo vahoaka noho ny zava-bitany. [22]Ilay lehilahy izay niaina ny fahagagana sy fanasitranana dia nihoatra ny efa-polo taona.
[23]Taorian'ny nanafahana azy ireo, dia tonga teo amin'ny vahoakany i Petera sy Jaona ary notateriny azy ireo izay rehetra notenenin'ireo lohan'ny mpisorona sy ireo loholona tamin'izy ireo. [24]Rehefa henon'izy ireo izany, dia niara-nanandratra ny feon'izy ireo ho an'Andriamanitra izy ireo ka niteny hoe: "Tompo, ianao no nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina, ary izay rehetra ao aminy. [25]Niteny tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina tamin'ny vavan'ny mpanomponao, ny raintsika Davida Ianao hoe: 'Nahoana no tezitra ireo firenena Jentilisa, sy ireo olona mieritreritra zavatra tsy misy ilana azy?'
[26]Ianareo miteny hoe: Ireo Mpanjakan'ny tany dia nitambatra, ary ireo mpanapaka dia nivondrona hanohitra ny Tompo, sy hanohitra ny Kristiny.'
[27]Fa efa i Heroda sy Pontsy Pilaty, izay niaraka tamin'ireo jentilisa sy ireo vahoakan'i Israely, no niara-niangona tao an-tanàna hanohitra an'i Jesosy mpanomponareo, izay nosoranareo. [28]Niara-nivory izy ireo mba hanao izay rehetra nataon'ny tananareo sy ireo drafitrareo izay efa notapahin'izy ireo ho atao mialoha.
[29]Ankehitriny, Tompo, jereo ireo fampitandreman'izy ireo ary omeo ireo mpanomponao mba hitenenany ny teninao an-kasahiana tanteraka. [30]Ahinjiro ny tananao mba hanasitrana, ary hanome ireo famantarana sy fahagagana amin'ny alalan'ny anaran'i Jesosy mpanomponao masina." [31]Rehefa avy nivavaka izy ireo, dia nihozongozona ny toerana izay niarahan'izy ireo nivory, ary feno ny Fanahy Masina izy rehetra ary nilaza ny tenin'Andriamanitra an-kasahiana.
[32]Ny ankabeazan'ireo izay nino dia fo sy fanahy iray. Tsy nisy niteny fa ny zavatra izay azony dia azy manokana, fa zavatra niarahan'izy ireo nanana. [33]Niaraka tamin'ny hery lehibe no nanambaran'ny apostoly ny fijoroan'izy ireo vavolombelona momba ny fitsanganan'i Jesosy Tompo tamin'ny maty, ary fahasoavana lehibe no teo amin'ny izy rehetra.
[34]Tsy nisy olona nanan-java maha-ory teo amin'izy ireo, fa izay rehetra nanana tany na trano dia namidy ary nitondra ny volan'ny zavatra rehetra izay lafo. [35]ary napetraka teo an-tongotr'ireo apostoly, ary nozaraina tamin'ny olona tsirairay arak'izay ilain'izy ireo.
[36]Josefa, Levita iray, lehilahy avy any Sipra izay nantsoin'ireo apostoly hoe Barnabasy (izay midika hoe Zanaka lahin'ny Fampaherezana), [37]nivarotra tany sy nitondra ny vola ary nametraka azy teo an-tongotr'ireo apostoly.

5 [1]Fa nisy lehilahy iray nantsoina hoe Ananiasy, niaraka tamin'i Safira vadiny, nivarotra anjara tany, [2]ary notazominy ny sasany tamin'ireo vola vidiny (ny vadiny ihany koa nahalala izany), ary nitondra ny ampahany hafa tamin'izany ary nametraka azy teo an-tongotr'ireo apostoly.
[3]Fa Petera niteny hoe: "Ananiasy, nahoana no nofenoin'i Satana lainga ny fonao handainga amin'ny Fanahy Masina, sy hitazona ny ampahany tamin'ilay vidin-tany? [4]Raha mbola tsy lafo izany, tsy nijanona ho fananana manokana ve izany, ary rehefa lafo izany, tsy teo amin'ny fahefanao ve izany? Ahoana no nieritreretanao izany zavatra izany tao amin'ny fonao? Tsy nandainga tamin'ny olona ianao, fa tamin'Andriamanitra." [5]Nony nandre ireo teny ireo, dia lavo tamin'ny tany Ananiasy ka afaka ny ainy, ary tahotra lehibe no tonga tamin'izay rehetra naheno izany. [6]Ary ireo tovolahy dia niroso ka namono lamba azy, ka nentin'izy ireo nivoaka izy ary nalevina.
[7]Taorian'ny ora telo teo ho eo, dia niditra ny vadiny, mbola tsy nahafantatra izay nitranga. [8]Petera niteny taminy hoe: "Lazao ahy raha izany no namarotanareo ilay tany." dia hoy izy: "Eny, noho izany."
[9]Avy eo i Petera niteny azy hoe: "Nahoana ianareo no nanaiky hiara-hitsapa ny Fanahin'ny Tompo? Indro, ireo tongotr'ireo olona izay nandevina ny vadinao dia eo am-baravarana, ary hamoaka anao izy ireo. [10]Ary lavo teo noho eo teo amin'ny tongony izy ary afaka ny ainy. Rehefa niditra tao ireo tovolahy, dia nahita azy maty, ka nitondra azy nivoaka sy nandevina azy teo anilan'ny vadiny. [11]Raiki-tahotra ny fiangonana manontolo, sy ireo rehetra izay nandre izany zavatra izany.
[12]Famantarana sy fahagagana maro no niseho tamin'ireo vahoaka tamin'ny alalan'ny tanan'ireo Apostoly. Niaraka teo amin'ny fialofan'i Salomona izy ireo. [13]Fa tsy nisy olona hafa nanana fahasahiana hiaraka amin'izy ireo; kanefa, ny vahoaka dia nanandratra fankasitrahana avo azy ireo.
[14]Ary vao maika nihamaro ireo mpino izay nanampy isa ny Tompo, andian-dehilahy sy vehivavy, [15]ka nentin'izy ireo teny an-dalana hatramin'ny ny marary ary nampandrin'izy ireo teo ambony fandriana sy farafara, ka mba rehefa mandalo i

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Petera, dia mety mba hanaloka ny sasany amin'izy ireo ny alokany. [16]Teo ihany koa dia maro ny vahoaka no niara-tonga avy ao amin'ireo tanàna manodidina an'ny Jerosalema, nitondra ny marary sy ireo izay nampahorian'ny fanahy maloto, ary dia sitrana izy rehetra.
[17]Fa nitsangana ny mpisoronabe, sy ireo izay niaraka taminy (izay sekta an'ireo Sadoseo); ary dia feno fialonana izy ireo
[18]ary nisambotra an-kery ireo apostoly, ary nampiditra azy ireo tany an-trano maizina.
[19]Ary nandritran'ny alina dia nisy anjelin'ny Tompo nanokatra ny varavaran'ny fonja ary namoaka azy ireo tao, sy niteny hoe: [20]"Mandehana, mitsangana ao amin'ny tempoly ary mitenena amin'ny olona ireo teny rehetran'ity fiainana ity."
[21]Rehefa nandre izany izy ireo, dia niditra tao amin'ny tempoly izy ireo raha vao maraina ny andro ka nampianatra. Fa tonga ny mpisoronabe, sy ireo izay niaraka taminy, ary niantso ny filan-kevitra rehetra, ireo loholona rehetran'ny vahoakan'Israely, ary nalefa tany am-ponja mba hamoaka ireo apostoly.
[22]Fa nony tonga ilay mpiandry raharaha dia tsy nahita azy ireo tao am-ponja, ka niverina izy ireo ary nitatitra hoe:
[23]"Nahita ny trano maizina nihidy tsara izahay ary ny mpiambina dia nijoro niandry teo am-baravarana, fa rehefa novahanay izany, tsy nahita olona tao anatiny izahay."
[24]Ary rehefa naheno izany ny lehiben'ny mpiambina ny tempoly sy ireo mpisorona be, dia very hevitra tanteraka izy ireo nahakasika ny zavatra mety hitranga. [25]Fa nisy olona tonga ary niteny tamin'izy ireo nanao hoe: "Ireo lehilahy izay nataonareo tao an-trano maizina dia mitsangana ao amin'ny tempoly ary mampianatra ny vahoaka."
[26]Ary lasa ny lehiben'ny mpiambina niaraka tamin'ireo mpiandry raharaha, ary nitondra azy ireo niverina, fa tsy tamin'ny herisetra, satria natahotra ny vahoaka izy ireo fandrao ho torahany vato. [27]Rehefa nitondra azy ireo izy ireo, dia nandefa azy ireo teo anatrehan'ny filan-kevitra. Nanadihady azy ireo ny mpisorona be, [28]niteny hoe: "Nararanay mafy ianareo mba tsy hampianatra amin'io anarana io, kanefa, nofenonareo ny fampianaranareo i Jerosalema, ary tianareo ho tompon'andraikitra amin'ny ran'io lehilahy io izahay."
[29]Fa i Petera sy ireo apostoly namaly hoe: "Izahay dia tokony hanaiky an'Andriamanitra nohon'ny olona. [30]Ny Andriamanitrin'ny razanay nanangana an'i Jesosy, izay novonoinareo tamin'ny fanantonana Azy teo amin'ny hazo.
[31]Andriamanitra nanandratra Azy teo amin'ny tanan-kavanany mba ho Tompo sy Mpamonjy, mba hanome fibebahana ho an'Israely, sy famelana ny heloka. [32]Izahay dia vavolombelona ny amin'izany zavatra izany, ary ihany koa ny Fanahy Masina, izay nomen'Andriamanitra ho an'ireo manaiky Azy."
[33]Raha naheno izany ireo tao amin'ny filan-kevitra, dia tezitra izy ireo ary nitady hanomono ireo apostoly. [34]Fa nisy Fariseo iray natsoina hoe Gamaliela, mpampiana-dalàna, izay najain'ny olona rehetra, nitsangana ary nandidy ireo apostoly mba ho alaina avoaka kely any ivelany.
[35]Ary izy niteny tamin'izy ireo hoe: "Lehilahy Isiraely, tandremo tsara ny amin'ny zavatra izay ho ataonareo miaraka amin'ireo olona ireo. [36]Fa tany aloha tany, Teodasy nilaza ny tenany ho zavatra, ary vondron'olona, tokony ho efa-jato, nanaraka azy. Novonoina izy, ary ireo rehetra izay nanaiky azy dia niparitaka ary tonga tsinontsinona. [37]Avy eo io lehilahy io, Jodasy avy any Galilia dia nitsangana tamin'ny andron'ny fanisana ary nitaona olona maromaro hanaraka azy. Izy ihany koa dia novonoina, ary ireo rehetra izay nanaiky azy dia niparitaka.
[38]Ary ankehitriny dia lazaiko aminareo, manalavira an'ireo lehilahy ireo ary avelao irery izy ireo, fa raha avy amin'ny olona io drafitra na io asa io, dia ho foana izany. [39]Fa raha avy amin'Andriamanitra kosa, dia tsy ho azonareo foanana ireo; mety ho hitanareo aza fa miady amin'Andriamanitra ianareo." Dia resy lahatra izy ireo.
[40]Ary niantso an'ireo apostoly hiditra izy ireo ary nikapoka sy nandidy azy ireo tsy hiteny amin'ny anaran'i Jesosy, ary namela azy ireo handeha. [41]Izy ireo dia nandao ny filan-kevitra tam-pifaliana satria mendrika ny hitondra fahafam-baraka ho an'Ilay Anarana. [42]Tao aorian'izay isan'andro, tsy nitsahatra nampianatra sy nitory an' i Jesosy ho Kristy izy ireo, teo an-kianjan'ny tempoly sy tamin'ny trano maro.

6 [1]Ary tamin'izany andro izany, rehefa nihanitombo ny isan'ireo mpianatra, dia nanomboka nisy fitarainana nataon'ireo Jiosy miteny Grika hanoherana ireo Hebreo, satria nataon'izy ireo tsinotsinona ireo mpitondra-tenany tamin'ny fizarana sakafo isan'andro.
[2]Ny roa ambin'ny folo dia niantso ireo mpianatra rehetra ho any amin'izy ireo sady niteny hoe: "Tsy mety ho antsika raha mandao ny tenin'Andriamanitra mba hikarakara ireo latabatra. [3]Noho izany ianareo dia tokony mifidy, ry rahalahy, fito aminareo, lehilahy tsara laza, feno ny Fanahy sy fahendrena, mba ho tendrenay hikarakara izany raharaha izany. [4]Raha ny aminay, dia hanohy hatrany amin'ny fivavahana sy amin'ny fampianarana ny teny izahay."
[5]Nahafinaritra ny olona rehetra ny teny nataon'izy ireo. Ka nifidy an'i Stefana izy ireo, lehilahy feno finoana sy Fanahy Masina, ary i Filipo, Prokoro, Nikanora, Timona, Parmena ary Nikoleo, proselyta avy any Antiokia. [6]Ireo mpino dia nitondra ireo lehilahy teo anatrehan'ny Apostoly, izay nivavaka sy nametraka ny tanany tamin'izy ireo.
[7]Ka niparitaka hatrany ny tenin'Andriamanitra, ary ny isan'ny mpianatra tao Jerosalema dia nihanitombo be, ary mpisorona maro be kosa no lasa mpankatoa ny finoana.
[8]Ary i Stefana, feno fahasoavana sy hery, dia nanao fahagagana sy famantarana lehibe teo amin'ny vahoaka. [9]Fa nisy vahoaka sasany nitsangana izay an'ny synagoga izay atao hoe ny Synagogan'ny Libertina, sy an'ny Kyreniana sy Aleksandriana, ary ny sasany avy any Kilikia sy Azia. Ireo olona ireo dia niady hevitra tamin'i Stefana

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Izy ireo dia tsy nahatohitra ny fahendrena sy ny Fanahy izay nitenenany i Stefana. [11]Avy eo dia nisy olona nanaovan'izy ireo kolikoly mba hiteny hoe: "Efa renay i Stefana niteny ratsy momban'i Mosesy sy Andriamanitra."
[12]Nanaitra ny olona izy ireo, ny loholona, sy ny mpanora-dalàna, dia nankeo amin'i Stefana izy ireo ary nisambotra azy sy nitondra azy teo anatrehan'ireo mpanolotsaina. [13]Ary izy ireo dia nitondra fijoroana vavolombelona diso, dia niteny hoe: "Ito lehilahy ito dia tsy mitsahatra miteny ratsy ity toerana masina ity sy ny lalàna. [14]Fa izahay dia nandre azy niteny fa io Jesosy avy any Nazareta io dia handrava ity toerana ity sy hanova ireo fomba izay natolotr'i Mosesy antsika." [15]Ireo rehetra izay nipetraka teo amin'ny toeran'ny mpanolotsaina dia nandinika azy ka nahita fa tahaka ny anjely ny tarehiny.

7 [1]Ny mpisoronabe niteny hoe: "Marina ve izany rehetra izany?" [2]Stefana niteny hoe: "Ry rahalahy sy ry ray, henoy aho: "Ny Andriamanitrin'ny voninahitra niseho tamin'ny raintsika Abrahama tamin'izy tany Mesopotamia, talohan'ny nipetrahany tao Harana; [3]niteny taminy Izy hoe: "Mialà eo amin'ny taninao ianao sy ireo havanao, ary mandehana any amin'ilay tany izay asehoko anao."
[4]Avy eo niala an'ilay tanin'ny Kaldeana izy ary nipetraka tany Harana; nanomboka teo, taorian'ny nahafatesan'ny rainy, nentin'Andriamanitra tany amin'io tany io izy, izay hipetrahanao izao. [5]Tsy nomeny ho lova teo izy, tsia, tsy ampy hametrahana tongotra akory. Fa nanome toky izy_na dia mbola tsy nanan-janaka aza i Abrahama fa_izy dia hanome ny tany azy ho fananany sy ho an'ireo taranany any aoriany.
[6]Andriamanitra dia niresaka taminy tahaka izao, fa ireo taranany dia hipetraka maharitra any amin'ny tanin'ny firenen-kafa, ary ireo mponina ao dia hitondra azy ireo amin'ny fanandevozana sy fampahoriana mandritry ny efa-jato taona.
[7]'Nefa ho tsaraiko ny firenena izay tompoin'izy ireo,' hoy Andriamanitra, 'ary aorian'izany dia hanantona sy hidera Ahy eo amin'io toerana io izy ireo. [8]Avy eo nomen'Andriamanitra an'i Abrahama ny fanekena amin'ny famorana, ka i Abrahama dia lasa rain'Isaka ary namora azy tamin'ny andro fahavalo; Isaka dia lasa rain'i Jakoba, ary Jakoba lasa rain'ireo patriarika roa ambin'ny folo.
[9]Satria ireo patriarika dia nialona an'i Josefa, ka namidin'izy ireo tany Egypta izy; fa Andriamanitra dia niaraka taminy [10]ary namonjy azy tamin'ireo olany rehetra. I Josefa dia nomeny fankasitrahana sy fahendrena teo anatrehan'i Farao, mpanjakan'Egypta, izay nametraka azy ho governora manapaka an' Egypta sy ambonin'ireo fananany rehetra.
[11]Ary dia tonga ny mosary nanerana an'Egypta sy Kanana, sy fijaliana lehibe, ary ireo razantsika dia tsy nahita sakafo. [12]Fa rehefa naheno i Jakoba fa nisy vary tao Egypta, nandefa ireo razantsika tamin'ny dian'izy ireo voalohany izy. [13]Tamin'ny dian'izy ireo faharoa i Josefa nampahafantatra ny tenany tamin'ireo rahalahiny, ary ny fianakavian'i Josefa dia lasa fantatr'i Farao.
[14]Josefa dia naniraka ireo rahalahiny hiteny an'i Jakoba rainy mba hoavy any Egypta, miaraka amin'ireo havany rehetra, teo amin'ny dimy ambin'ny fitopolo olona raha atambatra. [15]Noho izany Jakoba dia nidina tao Egypta, ary maty izy, izy sy ireo razantsika. [16]Nolanjaina ho any Sekema izy ireo ary nalevina tao amin'ilay fasana izay novidian'i Abrahama tamin'ny volafotsy tamin'ireo zanak'i Hamora tany Sekema.
[17]Rehefa nanakaiky ny fotoanan'ilay fampanantenana, ilay fampanantenana izay nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama, dia nihamaro sy nitombo ny olona tao Egypta, [18]mandra-pitsangan'ny mpanjaka hafa tao Egypta, mpanjaka izay tsy nahafantatra ny momba an'i Josefa. [19]Io mpanjaka io ihany no namitaka ny vahoakantsika sy nampahory ireo razantsika, izy ireo dia nanery ny razantsika handao ireo zanany ambava loza mba tsy ho velona.
[20]Tamin'izany fotoana izany i Mosesy no teraka; izy dia tsara teo anatrehan'Andriamanitra ary notaizana telo volana tao an-tranon'ny Rainy. [21]Rehefa navoaka teny ivelany izy, dia ny zanaka vavin'i Farao no nanangana sy nitaiza azy tahaka ny zanany lahy.
[22]I Mosesy dia nampianarina ireo fahendrena rehetra nananan'ny Egyptiana, ary izy dia nahery tamin'ny teniny sy ny asany. [23]Ka rehefa ho efapolo taona izy, tonga tao am-pony ny hitsidika ireo rahalahiny, zanak'Israely. [24]Nahita israelita iray izay nampahoriana ka niaro azy i Mosesy sady namaly an'ilay izay nampahory azy tamin'ny famonona ilay Egyptianina: [25]Nihevitra izy fa ho azon'ireo rahalahiny fa tamin'ny alalan'ny tanany Andriamanitra no nanavotra azy ireo, nefa dia tsy azon'izy ireo izany.
[26]Ny andro manaraka dia tonga tao amin'ireo Israelita sasany izy raha izy ireo nifanditra; nanandrana ny nampitony ny tsirairay avy izy, niteny hoe: "Ry lehilahy, ianareo dia mpirahalahy, maninona ianareo no mifandratra?" [27]Fa ny iray izay nanao tsy nety tamin'ny namany nanosika azy, ary niteny hoe: "Iza no nanendry anao ho mpanapaka sy hitsara anay?
[28]Tianao ve ny hamono ahy, tahaka ny namononao ireo Egyptianina omaly?"
[29]Nitsoaka i Mosesy rehefa nandre izany; lasa mpiavy izy tao amin'ny tanin'ny Midiana, izay niterahany ny zanany roa lahy. [30]Rehefa dila ny efapolo taona, nisy anjely iray nipotra taminy tany an'efitra teny amin' tendrombohitra Sinay, teo amin'ny lelafon'ilay voaroy nirehitra.
[31]Rehefa tazan'i Mosesy ilay afo, talanjona izy tamin'ilay fahitana; ary rehefa nanatona izy ka nijery ilay izy, indro avy any nisy feon'ny Tompo niteny hoe: [32]"Izaho no Andriamanitr'ireo razanao, Andriamanitr'Abrahama, sy Isaka, ary Jakoba." Nangovitra i Mosesy ary tsy sahy nijery.
[33]Ny Tompo niteny taminy hoe: "Esory ny kapa eny amin'ny tongotrao, fa io toerana izay hijoronao io dia tany masina.
[34]Efa hitako tokoa ny fijalian'ny vahoakako izay ao Egypta, henoko ny fitarainan'izy ireo, ary efa nidina nanavotra azy ireo Aho; koa ankehitriny, alefako ho any Egypta ianao."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[35]Io ilay Mosesy izay nolavin'izy ireo, rehefa niteny izy ireo hoe: "Iza no nanendry anao ho mpanapaka sy ho mpitsara?" Izy ilay tokana izay nalefan'Andriamanitra sady ho mpanapaka no mpanavotra. Andriamanitra nandefa azy tamin'ny alalan'ny tanan'ilay anjely izay nipoitra tamin'i Mosesy teny amin'ny voaroy. [36]Nitarika azy ireo hiala tao Egypta i Mosesy, rehefa avy nanao fahagagana sy famantarana tao Egypta sy teny amin'ny ranomasina mena, ary teny an'efitra nandritry ny efapolo taona. [37]Io ihany ilay Mosesy izay niteny tamin'ny vahoakan'Israely hoe: "Andriamanitra dia hanangana mpaminany ho anareo eo amin'ny rahalahinareo, mpaminany tahaka ahy.'"
[38]Izy ilay lehilahy izay tao am-piangonana tao an'efitra niaraka tamin'ilay anjely izay niteny taminy teny amin'tendrombohitr'i Sinay. Izy ilay lehilahy niaraka tamin'ireo razantsika; izy ilay lehilahy izay nandray ny teny velona zaraina ho antsika. [39]Izy ilay lehilahy izay tsy nankatoavin'ireo razantsika; natosik'izy ireo lavitra azy ireo izy, ary any ampon'izy ireo dia niverina tany Egypta izy ireo. [40]Tamin'io fotoana io niteny tamin'i Arona izy ireo hoe: "Hanaovy Andriamanitra izahay hitarika anay, tahaka an'i Mosesy, izay nitarika antsika hivoaka an'ny Egypta, tsy fantatsika izay nitranga taminy."
[41]Ary nanao omby lahy kely izy ireo tamin'izany andro izany ary nitondra fanatitra teo amin'ilay sampy, ary nifaly tamin'ny asan-tanany izy ireo. [42]nitodika Andriamanitra ary namela azy ireo mba ho fiderana ireo kintana eny an-danitra, araka ny voasoratra tao amin'ny bokin'ny mpaminany: "Ianareo ve nanolotra ahy biby maty sy fanatitra nandritrin'ny efapolo taona tao an'efitra, tranon'ny Israely?
[43]Nekenareo ny tabernakelin'i Moloka sy ny kintan' andriamanitra Refana, sy ireo sary izay ataonareo hiderana azy, ary izaho hitondra anareo any ankotran' Babylona."
[44]Ireo razantsika dia nanana tabernakelin'ny fijoroana vavolombelona tao an'efitra, araka ny baikon'Andriamanitra rehefa niteny tamin'i Mosesy Izy, izay tokony nataony nitovy tamin'ilay fomba efa hitany. [45]Io ilay tranolay izay nalain'ireo razantsika, ary noentiny tao amin'ilay tany niaraka tamin'i Josoa, teo anatrehan'ireo razantsika, ireo fananan'ny firenena izay nandroahan'Andriamanitra ny tany izay noraisin'izy ireo ho fananan'izy ireo manokana, Ilay tranolay dia nitoetra tao amin'ilay tany nandritry ny andron'i Davida, [46]ary izy nahazo fankasitrahana tao amin'ny fahitan'Andriamanitra ary nanontany raha hahita toerana honenana ho an'Andriamanitr'i Jakoba.
[47]Fa i Salomona no nanamboatra ny trano ho an'Andriamanitra. [48]Na izany aza, ny Avo indrindra dia tsy nipetraka tao amin'ny trano vita tamin'ny tanana, araka ny voalazan'ny mpaminany hoe: [49]"'Ny lanitra no seza fiandrianako, ary ny tany no fitoeran-tongotro. Trano toy inona no afaka hamboarinao ho ahy? hoy ny Tompo, na toerana toy ny inona no hitsaharako? [50]Tsy tanako ve no nanao ireo zavatra rehetra ireo?
[51]Ireo olona mafy hatoka sy tsy voafora ao am-po sy sofina, ianareo dia manohitra foana ny Fanahy Masina; ianareo dia manao tahaka izay nataon'ny razanareo. [52]Iza tamin'ireo razanareo no tsy nanenjika mpaminany? Novonoin'izy ireo ny mpaminany izay niseho talohan'ny fiavin'ilay Fahamarinana, ary ankehitriny ianareo dia lasa mpamadika sy mpamono azy koa, [53]ianareo vahoaka izay nandray ny lalàna izay napetrak'ireo anjely, kanefa tsy notazominareo izany."
[54]Ary rehefa naheno ireo zavatra ireo ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra, tohina ny fon'izy ireo, ary nihidy vazana izy ireo tamin'ny Stefana. [55]Fa izy, izay feno Fanahy Masina, nijery tsara ny lanitra ary nahita ny voninahitr'Andriamanitra, ary nahita an'i Jesosy nijoro teo ankavanan'Andriamanitra. [56]Stefana niteny hoe: "Jereo, itako misokatra ireo lanitra, ary ny zanak'olona mijoro eo ankavanan' Andriamanitra."
[57]Teo amin'izany dia notapenan'ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra ny sofin'izy ireo, ary nihiaka niaraka tamin'ny feo ambony, nihazakazaka izy ireo nankeny aminy. [58]Notaritin'izy ireo ivelan'ny tanàna izy ary nanomboka nitora-bato azy izy ireo, ary ireo vavolombelona dia nametraka ny akanjony teo amin'ny tongotr'ilay zaza lahy nantsoina hoe Saoly.
[59]Raha nitora-bato an'i Stefana iny izy ireo, niantso mafy ny Tompo izy ary niteny hoe: "Tompo Jesosy, raiso ny fanahiko."[60]Nandohalika izy ary niantso tamin'ny feo mahery hoe: "Tompo, aza tazomina izao ota izao hanoherana azy ireo." Rehefa avy niteny izany izy dia resitory.

8 [1]Nanaiky ny fahafatesany i Saoly. Ka nanomboka tamin'io andro io ny fanenjeana lehibe hanoherana ny fiangonana izay tao Jerosalema; ary ireo mpino rehetra dia niparitaka nanerana ireo faritry Jodia sy Samaria, ankoatra ireo apostoly. [2]Ireo lehilahy matahotra anÁndriamanitra dia nandevina an'i Stefana ary nanao hira fisaonana azy. [3]Fa Saoly dia nanimba tanteraka ny fiangonana; nitety trano izy ary naka ireo lehilahy sy ireo vehivavy, ary nandefa azy ireo tany an-trano maizina.
[4]Fa ireo mpino izay niparitaka dia nandeha nitory ny teny. [5]Filipo dia nidina tany amin'ny tanàn-dehiben'ny Samaria ary nitory an'i Kristy tamin'izy ireo.
[6]Rehefa nandre sy nahita ireo famantarana izay nataon'i Filipo ny vahoaka maro, dia nifantoka tsara tamin'izay nolazainy izy ireo. [7]Ireo fanahy maloto dia nivoaka tamin'ireo maro izay nidirany, nihiaka mafy, ary maro tamin'ireo malemy sy kilemaina no sitrana. [8]Noho izany dia nisy fifaliana lehibe tao amin'ilay tanàn-dehibe.
[9]Fa nisy lehilahy iray nantsoina hoe Simona tao amin'ny tanàn-dehibe, izay vao haingana no nilalao ody; matetika nampitolagaga ireo vahoakan'ny Samaria izy, rehefa manambara fa izy dia olona manan-danja. [10]Ireo Samaritana rehetra, manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra, dia nihaino tsara azy; ary hoy izy ireo hoe: "Io lehilahy io dia ilay fahefan' Andriamanitra izay antsoina hoe Lehibe." [11]Izy ireo dia nihaino azy, satria izy dia nampitolagaga azy ireo efa nandritry ny fotoana ela tamin'ireo odiny.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Fa rehefa nino an'i Filipo izy ireo noho izy nitory ny filazantsara momba ny fanjakan'Andriamanitra sy ny anaran'i Jesosy Kristy, dia natao batisa izy ireo, na ireo lehilahy na ireo vehivavy. [13]Na i Simona aza dia nino, ary taorian'ny nanaovana batisa azy dia nijanona niaraka tamin'i Filipo foana izy. Rehefa nahita ireo famantarana sy asa lehibe izay niseho izy, dia gaga.
[14]Ary rehefa henon'ireo apostoly ao Jerosalema fa nandray ny tenin'Andriamanitra Samaria, dia nalefan'izy ireo tany amin'izy ireo i Petera sy Jaona. [15]Rehefa nidina izy ireo, dia nivavaka ho azy ireo izy ireo, mba mety handraisan'izy ireo ny Fanahy Masina. [16]Fa nandrapahatongan'izany fotoana izany, dia mbola tsy nisy nilatsahan'ny Fanahy Masina mihitsy izy ireo; fa vita batisa tamin'ny anaran'i Tompo Jesosy fotsiny ihany. [17]Avy eo i Petera sy Jaona dia nametraka ny tanany teo amin'izy ireo, ary dia nandray ny Fanahy Masina izy ireo.
[18]Ary rehefa hitan'i Simona fa ny Fanahy Masina dia natolotra teo an-tanan'ireo apostoly tamin'ny alalan'ny fametrahan-tanana, dia nomeny vola izy ireo. [19]Hoy izy hoe: "Omeo ahy ihany koa izany fahefana izany, ka izay rehetra ametrahako tanana dia mety handray ny Fanahy Masina."
[20]Fa hoy i Petera taminy hoe: "Ho levona miaraka aminao anie ny volafotsinao, satria ianao nieritreritra ny hahazo ny fanomezan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vola. [21]Ianao dia tsy manana anjara na ampahany amin'izany zavatra izany, satria ny fonao dia tsy marina amin'Andriamanitra. [22]Noho izany mibebaha amin'ny faharatsianao, ary mivavaha amin'ny Tompo, sao mba mety hamela ny fanirian'ny fonao Izy. [23]Fa izaho mahita fa ianao dia voapozin'ny lolom-po sy voafatotry ny fahotana ianao."
[24]Simona namaly ary niteny hoe: "Mivavaha amin'ny Tompo ho ahy, mba tsy hisy hitranga amiko ireo izay nolazainao."
[25]Rehefa nijoro vavolombelona sy nanambara ny tenin'ny Tompo izy ireo, dia niverina tany Jerosalema i Petera sy Jaona, nitory ny filazantsara tamin'ireo tanàna maro ao Samaritana.
[26]Ary nisy anjelin'ny Tompo niresaka tamin'i Filipo sady niteny hoe: "Mitsangàna ary mandehana mianatsimon'ny lalana midina avy any Jerosalema mankany Gaza." (Io lalana io dia any an'efitra.) [27]Dia nitsangana izy ary nandeha. Indro, nisy lehilahy avy any Etiopia, tandapan'ny Kandasy, mpanjaka vavin'ireo Etiopiana. Izy no niandraikitra ny hareny rehetra. Tonga tany Jerosalema izy mba hidera. [28]Ary nody izy ka nipetraka teo amin'ny kalesany, ary namaky ny tenin'i Isaia mpaminany.
[29]Ary ilay fanahy niteny tamin'i Filipo hoe: "Mandehana ary aza miala lavitra an'io kalesy io." [30]Ka dia nihazakazaka nanatona azy izy, ary nandre azy namaky ny teny tao amin'Isaia mpaminany, ary niteny hoe: "Azonao ve io vakianao io?"
[31]Niteny ilay Etiopiana nanao hoe: "Ahoana no hahafantarako, raha tsy misy olona mitari-dalana ahy?" Niangavy an'i Filipo izy mba hanatona ny kalesa ary hipetraka hiaraka aminy.
[32]Ary ny andalan-tsoratra masina izay novakian'ilay Etiopiana dia nanao hoe: "Noentina ho vonoina tahaka ny ondry izy, ary tahaka ny zanak'ondry moana eo anoloan'ny mpanety azy, noho izany dia tsy niloa-bava izy. [33]Fa tamin'ny fanalam-baraka azy dia nesorina taminy ny rariny. Iza no afaka hamaritra tanteraka ireo taranany? Nohon'ny ainy nesorina teto an-tany."
[34]Noho izany dia nanontany an'ilay tandapa i Filipo, nanao hoe: "Mitalaho aminao aho, iza no resahan'io mpaminany io, ny tenany ihany ve, sa olon-kafa?" [35]Nanomboka niteny i Filipo, ary nanomboka tamin'izany soratra masina izany no nitoriany ny filazantsara momba an'i Jesosy taminy.
[36]Rehefa nandeha teny an-dalana izy ireo, dia nanatona teny amin'izay nisy rano izy ireo ary hoy ilay tandapa hoe: "Indro, misy rano eto. Inona no mahasakana ahy tsy atao batisa?" [37,1][38]Ka nasain'ilay Etiopiana najanona ilay kalesa. Nidina nankeny amin'ny rano izy ireo, i Filipo sy ilay tandapa, ary nataon'i Filipo batisa izy.
[39]Rehefa nivoaka ny rano izy ireo, dia noentin'ny Fanahin'ny Tompo i Filipo, ka tsy hitan'ilay tandapa intsony izy, fa nandeha tam-pifaliana teny amin'ny lalany. [40]Fa i Filipo dia niseho tany Azota ary nitety io faritra io izy, nitory ny filazantsara eraky ny tanan-dehibe rehetra mandrapahatongany tany Kaisaria.

---

[1]Fanamarihana: Hoy Filipo hoe: "Raha mino amin'ny fonao manontolo ianao, dia afaka atao batisa." Ilay Etiopiana namaly hoe: "Mino aho fa Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra."

---

9 [1]Fa i Saoly, dia mbola niteny fandrahonana foana eny fa na hatramin'ny famonoana manohitra ireo mpianatry ny Tompo aza, nandeha tany amin'ny mpisoronabe [2]ary nanontany azy ireo taratasy ho an'ireo synagoga tao Damaskosy, ka raha mahita na iza na iza eo amin'ny Lalany izy, na lehilahy na vehivavy, dia entiny hifatotra any Jerosalema izy ireo.
[3]Raha mbola nandeha izy, dia izao no nitranga rehefa tonga teo akaikin'i Damaskosy izy, tampoka teo dia nisy hazavana namirapiratra nanodidina azy avy any an-danitra; [4]ary nianjera tamin'ny tany izy ka nandre feo niteny taminy hoe: "Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika ahy?"
[5]Saoly namaly hoe: "Iza ianao, Tompo?" Hoy ny Tompo: "Izaho no Jesosy izay enjehinao, [6]fa mitsangàna, midira ao amin'ny tanàna, ary ho lazaina aminao izay tsy maintsy ho ataonao." [7]Ny lehilahy izay niara-dia tamin'i Saoly dia nijoro tsy nahateny, nandre ny feo, fa tsy nahita an' iza na iza.
[8]Nitsangana avy tamin'ny tany i Saoly, ary rehefa nanokatra ny masony izy, dia tsy afaka nahita na inona na inona izy; ka notantanan'izy ireo tamin'ny tanany izy ary nentina tany Damaskosy. [9]Tsy nahiratra izy nandritry ny telo andro, ary tsy nihinana izy no sady tsy nisotro.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Ary nisy mpianatra tao Damaskosy antsoina hoe Ananiasy. Niteny taminy tamin'ny fahitana ny Tompo: "Ananiasy!" Hoy izy: "Indro, inty aho, Tompo." [11]Niteny taminy ny Tompo: "Mitsangàna, ary mandehana any amin'ny lalana izay antsoina hoe Mahitsy, ary rehefa ao an-tranon'i Jodasy dia mangataha amin'ilay lehilahy avy any Tarsosy antsoina hoe Saoly, fa mivavaka izy. [12]Efa nahita tamin'ny fahitana ny fihavian'ny olona antsoina hoe Ananiasy izy ary hametraka ny tanany eo aminy, ka mety hahita indray izy."
[13]Fa namaly Ananiasy hoe: "Tompo, efa nandre tamin'ny maro momba io olona io aho, mahakasika ny ratsy nataony tamin'ny olonao masina tao Jerosalema. [14]Nanana fahefana tamin'ireo lohan'ny mpisorona izy mba hisambotra izay rehetra miantso ny anaranao eto." [15]Fa ny Tompo niteny taminy hoe: "Mandehana, fa izy dia fitaovana nofidiko, mba hitondra ny anarako eo anoloan'ny Jentilisa sy ireo mpanjaka ary ny zanak'Israely; [16]fa ho asehoko azy hoe ahoana ny fijaliany noho ny amin'ny anarako."
[17]Ka lasa i Ananiasy, ary niditra tao amin'ny trano. Nametraka ny tanany teo aminy, dia niteny izy hoe: "Rahalahy Saoly, ny Tompo Jesosy, izay niseho taminao teny an-dalana rehefa nakaty ianao, no nandefa ahy taty mba mety hahiratanao ary ho feno ny Fanahy Masina." [18]Teo no ho eo dia zavatra toy ny kiran-trondro no niendaka avy hatrany teo amin'ny mason'i Saoly, ary nahiratra izy; nitsangana izy ary natao batisa; [19]ary nihinana izy ka nahazo hery. Nipetraka niaraka tamin'ireo mpianatra tao Damaskosy nandritry ny andro maro izy.
[20]Avy hatrany dia nanambara an'i Jesosy tao amin'ny Synagoga izy, nilaza fa Izy no Zanak'Andriamanitra. [21]Izay rehetra nandre azy dia gaga ary niteny hoe: "Tsy io olona io ve no namono ireo tany Jerosalema izay niantso tamin'io anarana io? Tonga teto izy mba haka azy ireo ho fatorana ho any amin'ny mpisorombe." [22]Fa lasa nihanahery i Saoly, ary nampahory ny Jiosy izay nonina tao Damaskosy ka nanaporofo fa Jesosy no Kristy.
[23]Taorian'ny andro maromaro, niara- nanao drafitra mba hamono azy ireo Jiosy. [24]Fa lasa fantatr'i Saoly ny tetik'izy ireo. Ary niandry ny vavahady andro aman'alina mba hamono azy izy ireo. [25]Fa naka azy tamin'ny alina ireo mpianany ary namela azy hidina tamin'ny rindrina, nampidina azy tao anaty harona.
[26]Rehefa tonga teo Jerosalema izy, dia nanandrana ny hanatona ireo mpianatra i Saoly, nefa natahotra azy daholo ireo, tsy nino fa mpianatra izy. [27]Fa naka azy i Barnabasy ary nitondra azy teo amin'ireo Apostoly, ary nilaza tamin'ireo izy hoe ahoana no nahitan'i Saoly ny Tompo teny an-dalana sy ny nitenenan'ny Tompo taminy, ary ahoana no nitorian'i Saoly am-pasahiana tamin'ny anaran'i Jesosy tao Damaskosy.
[28]Nihaona tamin'izy ireo izy rehefa niditra ary nivoaka an'i Jerosalema. Niteny am-pasahiana tamin'ny anaran'i Jesosy Tompo izy [29]ary niady hevitra niaraka tamin'ireo Jiosy Grika; nefa mbola niezaka ny hamono azy ihany izy ireo. [30]Rehefa fantatr'ireo rahalahy izany, dia nentin'izy ireo nidina tany Kaisaria izy ary nalefany ho any Tarsosy izy.
[31]Ary avy eo, ny fiangonana nanerana an'i Jodia rehetra, Galilia, ary Samaria nanana fiadanana ary voaorina; ary, nandeha tamin-tahotra ny Tompo sy tamin'ny fampiononan'ny Fanahy Masina, ka nitombo isa ny fiangonana. [32]Dia tonga izany ankehitriny, raha nandeha nanerana ny faritra manontolo Petera, dia nandeha nidina tany amin'ireo mpino izay nipetraka tao amin'ny tananan'i Lyda ihany koa izy.
[33]Nahita olona antsoina hoe Aenasy tao izy, izay efa teo am-pandriany nandritry ny valo taona, satria nalemy izy. [34]Petera niteny taminy hoe: "Aenasy, manasitrana anao Jesosy Kristy. Mitsangàna ary amboary ny fandrianao," ary niaraka tamin'izay dia nitsangana izy. [35]Fa izay rehetra nipetraka tao Lyda sy tao Sarona dia nahita ny lehilahy ka nitodika tamin'ny Tompo izy ireo.
[36]Ary nisy mpianatra iray antsoina hoe Tabita tao Jopa, izay adika hoe "Dorkasy." Nanao asa soa betsaka io vehivavy io ary nanao fanampiana feno asa fiantrana izay nataony ho an'ny mahantra. [37]Tamin'ireo andro ireo dia narary izy ary maty; rehefa nanasa azy izy ireo, dia napetrak'izy ireo tao amin'ny efitrano ambony izy.
[38]Satria efa nanakaiky an'i Lyda i Jopa, ary nandre ireo mpianatra fa tao Petera, dia nandefa olona roa tany aminy izy ireo, niangavy azy: "Tongava re any aminay tsy misy hatak'andro." [39]Nitsangana Petera ary nandeha niaraka tamin'izy ireo. Rehefa tonga izy, dia nitondra azy tao amin'ny efitra ambony izy ireo, ary ny mpitondratena rehetra nitsangana teo anilany nitomany, nampiseho azy akanjo sy ny lamba izay nataon'ireo Dorkasy fony izy niaraka tamin'izy ireo.
[40]Nalefan'i Petera tany ivelan'ny efitra izy rehetra, nandohalika, ary nivavaka; avy eo, nitodika tamin'ilay razana, niteny izy hoe: "Tabita, mitsangàna." Dia nanokatra ny masony izy avy eo, ary nahita an'i Petera izy dia niarina. [41]Avy eo nanolo-tanana azy Petera ary nampitsangana azy; ary rehefa niantso ireo mpino sy ireo mpitondratena izy, dia nasehony tamin'izy ireo ny fahavelomany. [42]Lasa fantatra nanerana an'i Jopa rehetra izany zavatra izany, ary olona maro no nino ny Tompo. [43]Tamin'izany Petera dia nipetraka andro maromaro niaraka tamin'ilay lehilahy iray antsoina hoe Simona tao Jopa, izay mpandoko hoditra.

10 [1]Ary nisy lehilahy iray tao amin'ny tananan'ny Kaisaria, atao hoe Kornelio, kapitenin'ireo antoko Miaramila Italiana.
[2]Lehilahy mpivavaka izy, ilay iray izay midera an'Andriamanitra miaraka amin'ny ankohonany rehetra; nanome vola betsaka an'ireo izay tao anatin'ny tsy fahampiana izy, ary nivavaka mandrakariva tamin'Andriamanitra.
[3]Nanodidina ny tamin'ny ora faha sivy maraina teo ho eo, nahita mazava tamin'ny fahitana anjelin'Andriamanitra nanatona azy izy. Ilay anjely niteny taminy hoe: "Ry Kornelio!" [4]Kornelio nibanjina ilay anjely ary tena raiki-tahotra ka niteny hoe: "Fa inona ity, tompoko?" Ilay anjely niteny taminy hoe: "Ireo vavakao sy ireo fanomezanao ho an'ny mahantra dia tafakatra ho fanati-pahatsiarovana eo anatrehan'Andriamanitra. [5]Ary maniraha lehilahy hankany amin'ny tanànan'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Jopa mba haka ilay lehilahy iray atao hoe Simona izay antsoina hoe Petera. [6]Mipetraka miaraka amin'ny mpandoko hoditra antsoina hoe Simona izy, izay eny amoron-dranomasina ny tranony."
[7]Rehefa lasa ilay anjely izay niresaka taminy, dia niantso ny roa tamin'ny mpanompony tao an-trano i Kornelio, ary miaramila mpivavaka iray tamin'ireo izay nanompo azy. [8]Kornelio nilaza tamin'izy ireo izay rehetra nitranga ary nandefa azy ireo tany Jopa.
[9]Ary ny ampitso nanodidina ny ora faha-enina teo, raha mbola teny an-dalana izy ireo ka nanatona ny tanàna, dia niakatra teny ambony tafon-trano i Petera mba hivavaka. [10]Nanomboka niha-noana izy avy eo ka nitady zavatra ho hanina, kanefa raha mbola teo am-pandrahoana sakafo ny olona, dia nahita fahitana izy, [11]ary nahita ny lanitra nisokatra izy sy fitahirizana iray nidina, toy ny lamba be midina ety an-tany, ampidinina amin'ny zorony efatra. [12]Tao no nisy karazam-biby manan-tongotra efatra sy zavatra izay mandady rehetra eto an-tany, ary ny voron'ny lanitra.
[13]Dia nisy feo niteny taminy hoe: "Mitsangàna, ry Petera, mamono ary mihinana." [14]Fa i Petera niteny hoe: "Tsia, Tompo; fa mbola tsy nihinana zavatra izay voarara sy tsy madio mihitsy aho." [15]Saingy tonga taminy fanindroany indray ilay feo hoe: "Izay nodiovin'Andriamanitra, dia tsy antsoina hoe fady." [16]Niseho in-telo izany; ary avy eo ilay fitahirizana dia niverina niakatra teo no ho eo tany an-danitra.
[17]Ary rehefa very hevitra momba ny dikan'ilay fahitana izay hitany i Petera, dia indro, ireo lehilahy izay nalefan'i Kornelio nitsangana nanoloana ny vavahady, avy eo izy ireo dia nanontany izay lalan'izy ireo mankao an-trano. [18]Dia niantso izy ireo ary nanontany an'i Simona, nantsoina ihany koa hoe Petera, izay nijanona teo.
[19]Raha mbola nieritreritra momba ilay fahitana i Petera, dia niteny taminy ny Fanahy hoe: "Indro, lehilahy telo no mitady anao. [1][20]Mitsangàna ary midina ka miaraha amin'izy ireo. Aza misalasala miaraka amin'izy ireo, satria izaho no nandefa azy ireo. [21]Ary Petera nidina tany amin'ireo lehilahy ireo ka niteny hoe: "Izaho ilay tadiavinareo. Inona no antony nahatongavanareo?"
[22]Hoy izy ireo hoe: "Ny kapiteny antsoina hoe Kornelio, lehilahy marina ary olona izay midera an'Andriamanitra, ary tsara laza any amin'ny firenen'ny Jiosy rehetra, izay nolazain'ny anjely masin'Andriamanitra mba hampaka anao ho any an-tranony, noho izany dia afaka mihaino ny hafatra avy aminao izy." [23]Dia nanasa azy ireo hiditra sy hijanona hiaraka aminy Petera. Ny ampitso marainan'iny dia nitsangana izy ka niaraka tamin'izy ireo, ary ny sasany tamin'ireo rahalahy avy any Jopa dia nanaraka azy.
[24]Ny andro manaraka dia nankao Kaisaria izy ireo. Kornelio dia niandry azy ireo; nantsoiny niaraka ny havany sy ny namany akaiky.
[25]Ary tamin'izany rehefa niditra Petera, nifankahita taminy i Kornelio ary niankohoka teo an-tongony mba hidera azy. [26]Fa Petera nanampy azy, niteny hoe: "Mitsangàna! Izaho ihany koa dia olona ihany.
[27]Raha mbola niresaka niaraka taminy i Petera, dia niditra izy ary nahita olona maro be niara-niangona. [28]Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Ny tenanareo mahalala fa tsy ara-dalana ho an'ny Jiosy ny miara-miasa na mamangy olona avy amin'ny firenena hafa. Fa Andriamanitra naneho tamiko fa tsy tokony hiantso olo-pady na tsy madio aho. [29]Izany no antony nahatongavako tsy nisy fanakantsakanana, rehefa nirahina Aho. Ka manontany anareo Aho hoe nahoana ianareo no maniraka ho ahy."
[30]Kornelio niteny hoe: "Efatra andro mialohan'izao ora izao indrindra, dia nivavaka tao an-tranoko aho tamin'ny ora fahasivy; ary nahita, lehilahy iray nitsangana teo anoloako nanao akanjo namirapiratra. [31]Hoy izy hoe: 'Ry Kornelio, efa ren'Andriamanitra ny vavakao, ary ireo fanomezanao ho an'ireo mahantra dia mampatsiahy an'Andriamanitra ny momba anao. [32]Noho izany dia maniraha olona ho any Jopa, ary antsoy mankany aminao ilay lehilahy atao hoe Simona izay antsoina hoe Petera. Mipetraka ao an-tranon'i Simona mpandon-koditra antsoina hoe: Simona izy, izay eny amoron-dranomasina.'[2][33]Ary avy hatrany dia nalefako ho anao. Tsara ny fahatongavanao. Ary ankehitriny, isika rehetra tonga eto imason'Andriamanitra, mba hihaino ireo rehetra izay nolazain'ny Tompo anareo no tenenina."[3]
[34]Avy eo dia nanokatra ny vavany Petera ary niteny hoe: "Marina tokoa, fantatro fa Andriamanitra dia tsy miandany na amin'iza na amin'iza. [35]Fa kosa, any amin'ny firenena tsirairay na iza na iza no midera sy manao asa marina dia ekeny avokoa.
[36]Fantatrareo ilay hafatra izay nalefany ho an'ny olon'Israely, rehefa nanambara filazantsara momba ny fiadanana avy amin' ny alalan' i Jesosy Kristy izy, izay Tompon'ny rehetra- [37]Ianareo tenanareo dia mahalala ireo zava-niseho, izay tena nitranga tao amin'ny toerana rehetra tao Jodia, nanomboka tany Galilia, taorian'ny batisa izay nambaran'i Jaona; [38]ireo zava-nitranga mikasika an'i Jesosin'ny Nazareta, ny fomba nanosoran'Andriamanitra azy tamin'ny Fanahy Masina sy tamin'ny hery. Nandeha nanao soa izy sady nanasitrana ireo rehetra izay voagejan' ny devoly, satria Andriamanitra dia niaraka taminy.
[39]Isika dia vavolombelon'ireo zava-bitan'i Jesosy rehetra, tany amin'ny tanin'ny Jiosy sy tany Jerosalema. Novonoin'izy ireo izy tamin'ny alalan'ny fanantonana azy teo amin'ny hazo, [40]fa Andriamanitra nanangana azy tamin'ny andro fahatelo ary nanao izay hahitana azy, [41]tsy ireo olona rehetra, fa ireo vavolombelona izay voafidin'Andriamanitra mialoha-tamintsika izay nihinana sy nisotro niaraka taminy taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty.
[42]Nandidy anay izy mba hanambara amin'ny olona sy hijoro vavolombelona fa izy ilay iray nofidin'Andriamanitra ho Mpitsaran'ny velona sy ny maty. [43]Ho azy no hijoroan'ny mpaminany rehetra vavolombelona, mba ho ireo izay mino azy no handray famelan-keloka amin'ny alalan'ny anarany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[44]Raha mbola niteny izany zavatra izany i Petera, dia nilatsaka tamin'ireo rehetra izay nihaino ny hafany ny Fanahy Masina. [45]Ireo olona tao anatin'ny vondron'ny mpino voafora- ireo rehetra izay niaraka tamin'i Petera- dia gaga, satria ny fanomezan'ny Fanahy Masina dia narotsaka ho an'ny Jentilisa ihany koa.
[46]Fa ren'izy ireo ireo Jentilisa izay miteny amin'ireo fiteny hafa sy mankalaza an'Andriamanitra. Dia namaly Petera hoe: [47]Moa ve misy olona afaka mitazona rano mba tsy hanaovana batisa azy ireo, ireo olona izay nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika koa? [48]Dia nandidy azy ireo mba ho atao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy izy. Ary nangataka azy izy ireo mba hitoetra hiaraka amin'izy ireo mandritry ny andro vitsivitsy.

---

[1]Fanamarihana: Ny amin'ny dikan-teny taloha dia hoe: "Lehilahy roa no mitady anao" na "misy lehilahy sasan-tsasany mitady anao.
[2]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha dia manampy hoe: "Rehefa tonga Izy, dia hiresaka aminao."
[3]Fanamarihana: "Raha tokony ho: "nolazain'ny Tompo no tenenina" no eo, dia ny dikan-teny taloha dia hoe: "nolazain'Andriamanitra no tenenina."

---

11 [1]Ary ireo apostoly sy ireo rahalahy izay tany Jodia nahare fa ireo Jentilisa ihany koa dia nandray ny Tenin'Andriamanitra. [2]Rehefa niakatra tany Jerosalema i Petera, ireo izay tao amin'ny antokon'ireo voafora dia nanakiana azy; [3]hoy izy ireo hoe: "Ianao nikambana niaraka tamin'ireo lehilahy tsy voafora sady nisakafo niaraka tamin'izy ireo!"
[4]Fa Petera nanomboka nanazava ny zava-nitranga tamin'izy ireo tamin'ny antsipirihiny; hoy izy hoe: [5]"Nivavaka tany amin'ny tanànan'ny Jopa aho, ary nahita fahitana ny amin'ny fisian-javatra iray izay nidina, tahaka ny lamba lehibe nahidina avy any an-danitra tamin'ireo zorony efatra aho. Nidina teo amiko izany. [6]Nibanjina izany aho ary nisaintsaina momba izany. Nahita ireo biby manan-tongotra efatry ny tany, ireo biby dia, ireo biby mandady, ary ireo vorona eny amin'ny lanitra aho.
[7]Avy eo aho dia nahare feo niteny tamiko hoe: "Mitsangàna, ry Petera; mamono ary mihinàna." [8]Hoy aho hoe: "Tsia, ry Tompo; fa tsy mbola nisy zavatra tsy masina na maloto mihitsy niditra tato am-bavako." [9]Fa ilay feo namaly avy any an-danitra indray hoe: "Izay nambaran'Andriamanitra fa madio, aza antsoina hoe maloto." [10]Niseho in-telo izany, ary avy eo dia nalaina niverina niakatra tany an-danitra indray ny zavatra rehetra
[11]Indro, teo no ho eo dia nisy telo lahy nitsangana teo anoloan'ny trano izay nisy anay; nalefa avy tany Kaisaria nankaty amiko izy ireo. [12]Ny Fanahy dia nandidy ahy hiaraka amin'izy ireo, ary tsy tokony hanisy fizahan-tava amin'izy ireo aho. Ireo rahalahy enina ireo dia nandeha niaraka tamiko, ary nandeha nankao an-tranon'ilay lehilahy izahay. [13]Izy niteny taminay ny nahitany anjely iray nitsangana tao an-tranony ary niteny hoe: "Maniraha lehilahy any Jopa ary ento miverina i Simona izay antsoina hoe Petera. [14]Izy dia hilaza hafatra iray aminao izay havoavonjy anao - ianao sy ny ankohonanao rehetra."
[15]Raha vao nanomboka niteny tamin'izy ireo aho, ny Fanahy Masina dia tonga tamin'izy ireo, tahaka ny nidinany taminay tany am-boalohany. [16]Tsaroako ny tenin'ny Tompo, ny nitenenany hoe: "Jaona nanao batisa tamin'ny rano tokoa; fa ianareo dia mila hatao batisa ao amin'ny Fanahy Masina."
[17]Koa raha Andriamanitra nanome azy ireo ny fanomezana mitovy amin'izay nomeny antsika tamin'isika nino an'ny Tompo Jesosy Kristy, iza aho, no ho afaka hanohitra an'Andriamanitra?" [18]Rehefa henon'izy ireo izany zavatra izany, tsy niteny na inona na inona hoenti-mamaly izy ireo, fa nidera an'Andriamanitra kosa izy ireo ary niteny hoe: "Ary Andriamanitra nanome fibebahana ho fiainana ho an'ireo jentilisa ihany koa."
[19]Ary ireo izay naparitaka noho ny fanenjehana izay niatomboka tamin'ny fahafatesan'i Stefana dia niely lavitra tany Foinika, Kyprosy, ary Antioka, fa izy ireo dia nilaza ny hafatra momba an'i Jesosy tamin'ireo Jiosy irery ihany. [20]Fa ny sasany tamin'izy ireo, ireo lehilahy avy any Kyprosy sy Kyrena, dia nandeha tany Antioka ary niresaka tamin'ireo Grika ihany koa, nilaza tamin'izy ireo ny filazantsara momba ny Tompo Jesosy. [21]Ny tanan'ny Tompo dia niaraka tamin'izy ireo; maro isa no nino ary nitodika tamin'ny Tompo.
[22]Ireo vaovao momba azy ireo dia tonga teny an-tsofin'ny fiangonana tao Jerosalema, ary izy ireo naniraka an'i Barnabasy hatrany Antioka. [23]Rehefa tonga izy ka nahita ny fanomezan'Andriamanitra, dia ravoravo izy; ary izy nampahery azy rehetra mba hitoetra miaraka amin'ny Tompo amin'ny fon'izy ireo rehetra. [24]Satria izy dia lehilahy tsara sady feno ny Fanahy masina sy finoana, ary olona maro no niampy ho an'ny Tompo.
[25]Dia nandeha nankany Tarsosy i Barnabasy mba hitady an'i Saoly. [26]Rehefa hitany izy, dia nentiny tany Antioka. Ary nandritry ny herintaona maninjitra izy ireo dia niara-niangona niaraka tamin'ny fiangonana ary nampianatra olona maro. Ireo mpianatra dia nantsoina voalohany hoe kristiana tao Antioka.
[27]Ary tamin'izany andro izany dia nisy mpaminany maromaro nidina avy tany Jerosalema nankany Antioka. [28]Iray tamin'izy ireo, i Agabo no iantsoana azy, nitsangana ary notoroin'ny Fanahy fa hisy mosary lehibe hitranga manerana izao tontolo izao. Nitranga izany tamin'ny andron'i Klaodio.
[29]Noho izany, ireo mpianatra, araka ny fahafahan'ny tsirairay avy, dia nanapa-kevitra ny handefa fanampiana ho an'ireo rahalahy tany Jodia. [30]Nanao izany izy ireo; nandefa vola ho an'ireo loholona izy ireo tamin'ny tanan'i Barnabasy sy Saoly.

12 [1]Ary tamin'izany andro izany Heroda mpanjaka nisambotra ireo sasany izay an'ny fiangonana mba hahafahany mampijaly azy ireo. [2]Novonoiny tamin'ny sabatra Jakoba rahalahin'i Jaona.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Ary rehefa hitany fa nahafaly ireo Jiosy izany, dia nanao izay hisamborana an'i Petera koa izy. Izany dia nandritry ny andron'ny mofo tsy misy masirasira. [4]Rehefa avy nosamborina izy, dia nataony tany am-ponja izy ary nanendry miaramila efa-toko hiambina azy, nikasa ny hitondra azy eo amin'ny olona aorian'ny Paska izy.
[5]Noho izany dia notazonina tao am-ponja Petera, fa ny vavaka dia nataon'ireo izay tao am-piangonana mafy kokoa tamin'Andriamanitra ho azy. [6]Ny alina alohan'ny hitondran'i Heroda azy hotsaraina, Petera dia natory teo anelanelan'ny miaramila roa, voafatotra tamin'ny rojo anankiroa, raha mbola nijanona niambina ny fonja ny mpiandry teo alohan'ny varavarana.
[7]Indro, nisy anjelin'ny Tompo niseho tampoka teo akaikiny, ary nisy hazavana namiratra tao anatin'ny efitry ny fonja. Nikapoka an'i Petera teo amin'ny ilany izy ary namoha azy ka nanao hoe: "Mitsangàna haingana", ary ireo rojony niala tamin'ny tanany. [8]Ny anjely niteny taminy hoe: "Ampiakanjoy ny tenanao ary anaovy ny kiraronao." Dia nataon'i Petera araka izany. Ny anjely niteny taminy hoe: "Anaovy ny akanjonao ivelany ary manaraha ahy."
[9]Dia nanaraka ilay anjely Petera ary nivoaka. Tsy fantany fa ireo izay nataon'ny anjely dia tena izy. Nihevitra izy fa nahita fahitana. [10]Rehefa avy nandalo teo amin'ny mpiambina voalohany sy faharoa izy ireo, dia tonga teo amin'ny vavahady vy izay mitondra mankany amin'ny tanàna; nisokatra ho azy tamin'izy ireo izany. Nivoaka izy ireo ary nidina tamin'ny lalana iray, ary ilay anjely nandao azy avy hatrany.
[11]Rehefa niverina tamin'ny tenany Petera, niteny izy hoe: "Ankehitriny dia fantatro marina fa ny Tompo no nandefa ny anjeliny ary nanafaka ahy tamin'ny tanan'i Heroda, sy tamin'ny zavatra rehetra izay nandrasan'ny Jiosy hiseho. [12]Rehefa tonga saina tamin'izany izy, dia nankany amin'ny tranon'i Maria renin'i Jaona, antsoina koa hoe Marka, izay nisy olona maro niangona sy nivavaka.
[13]Rehefa nandondona teo am-bavahady izy, nisy mpanompo vavy iray antsoina hoe Roda tonga namaly. [14]Rehefa fantany ny feon'i Petera, tamin-kafaliana dia tsy nahavita namoha ny varavarana izy; fa kosa, nandeha nihazakazaka nankany an-trano izy, notateriny fa Petera nijoro teo am-baravarana. [15]Dia niteny taminy izy ireo hoe: "Adala ianao." Fa nanizingizina izy fa izany no izy. Niteny izy ireo hoe: "Ny anjeliny izany."
[16]Fa Petera nanohy nandondona, ary rehefa novohain'izy ireo ny varavarana, dia nahita azy izy Ireo ary gaga. [17]Petera nanetsika ny tanany tamin'izy ireo mba hangina, ary noteneniny tamin'izy ireo ny fomba nitondran'ny Tompo azy nivoaka ny fonja. Hoy izy hoe: "Tatero any amin'i Jakoba sy ireo rahalahy izany zavatra izany. "Dia niala izy ary nandeha tany tamin'ny toerana hafa.
[18]Ary rehefa nazava ny andro, dia tsy nisy fientanam-po kely teo amin'ireo miaramila ny amin'izay nitranga tamin'i Petera. [19]Rehefa avy nitady azy Heroda ary tsy nahita azy, dia nanadihady ny mpiandry izy ary nandidy azy ireo mba hovonoina. Dia nidina avy any Jodia nankany Kaisaria izy ary nitoetra tany.
[20]Ary Heroda dia tezitra mafy tamin'ny vahoakan'i Tyra sy Sidona. Niara-nankany aminy izy ireo. Nandresy lahatra an'i Blasto izy ireo, ilay mpanampin'ny mpanjaka, mba hanampy azy ireo. Dia nangataka fihavanana izy ireo, satria ny tanànan'izy ireo dia mandray ny sakafony avy amin'ny mpanjakan'ny tanàna. [21]Tamin'ny andro voatondro Heroda dia nampiakanjo ny tenany akanjona mpanjaka ary nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana; nikabary tamin'izy ireo izy.
[22]Nihiaka ny vahoaka: "Izany dia feona andriamanitra, fa tsy an'olona!" [23]Teo noho eo dia nisy anjelin'ny Tompo namely azy; satria tsy nanome voninahitra an'Andriamanitra izy; nohanin'ny kankana izy dia maty.
[24]Fa ny tenin'Andriamanitra nitombo sy nihamaro. [25]Ka rehefa vitan'i Barnabasy sy Saoly ny iraka nampanaovina azy ireo, dia niverina avy tany [1]Jerosalema izy ireo, nitondra an'i Jaona niaraka tamin'izy ireo, izay antsoina ihany koa hoe Marka.

---

[1]Ny sasany amin'ireo dika soratra tranainy miteny hoe: "Izy ireo niverina tany Jerosalema

---

13 [1]Ary tao amin'ny fiangonana tao Antioka, dia nisy mpaminany sy mpampianatra maro tao. Izy ireo dia Barnabasy, Simona (izay antsoina hoe Nigera), Lisiosa avy amin'i Sirena, Manaena (ilay rahalahy izay niolonono tamin'i Heroda mpanapaka), ary Saoly. [2]Raha mbola nidera ny Tompo sy nifady hanina izy ireo, ny Fanahy Masina niteny hoe: "Atokany ho ahy Barnabasy sy i Saoly, mba hanao ny asa izay niantsoko azy ireo." [3]Taorian'ny nifadian'izy ireo hanina, sy nivavahany, ary nametrahan'izy ireo tànana tamin'ireo lehilahy ireo, izy ireo dia nalefan'izy ireo.
[4]Ka nankato ny Fanahy Masina i Barnabasy sy i Saoly ka nandeha nidina nankany Selosia; avy teny izy ireo dia niantsambo ho any amin'ny nosin'ny Sipra. [5]Rehefa tao amin'ilay tanànan'ny Salamina izy ireo, dia nitory ny tenin'Andriamanitra tao amin'ny Synagogan'ireo Jiosy izy ireo. Ary nanana an'i Jaona Marka koa izy ireo mba ho mpanampy azy ireo.
[6]Ary rehefa namakivaky ny nosy iray manontolo mankany Pafosy izy ireo, dia nahita mpanao ody, izay mpaminany Jiosy sandoka, ary ny anarany dia Bara Jesosy. [7]Mpanao ody izay niara-niasa tamin'ireo governora, Serjio Paolosy, izay lehilahy tena mahay. Nosamborin'io lehilahy io Barnabasy sy i Saoly, satria te haheno ny tenin'Andriamanitra izy. [8]Fa Elimasy "mpanao ody" (izany no nandikana ny anarany) nanohitra azy ireo; ary niezaka ny hanodina ny governora hiala amin'ny finoana izy.
[9]Fa i Saoly, izay antsoina ihany koa hoe Paoly, dia feno ny Fanahy Masina, ary nandinika azy tsara. [10]Ary niteny hoe: "Ianao ry zanaky ny Devoly, ianao dia feno ny karazam-pitaka sy faharatsiana rehetra. Fahavalon'izay rehetra marina ianao. Tsy hijanona ny hamily ny lala-mahitsin'ny Tompo mihitsy ianao, sa tsy izany?

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Fa indro ankehitriny, ny tanan'ny Tompo eo aminao, ka ho tonga jamba ianao. Ary tsy hahita ny masoandro aloha ianao.
"Teo no ho eo dia nilatsaka tao amin'i Elimasy ny fahanjavozavonana sy fahamaizinana; nanomboka nivezivezy ary
nangataka tamin'ny olona izy mba hitantana azy amin' ny tanana. [12]Rehefa avy nahita izay zava-niseho ny governora, dia
nino izy, satria gaga tamin'ny fampianarana momba ny Tompo izy.
[13]Ary Paoly sy ny namany dia lasa niantsambo avy Pafosy nankany amin'ny Perga any Pafilia. Fa Jaona kosa nandao azy
ireo ary niverina tany Jerosalema. [14]Paoly sy ireo namany dia nandeha avy tany Perga ary nankany Antiokan'i Pisidia. Ary
tao dia nandeha nankany amin'ny synagoga tamin'ny andron'ny Sabata izy ireo ary nipetraka. [15]Taorian'ny famakiana ny
lalàna sy ny mpaminany, dia nandefa hafatra tany amin'izy ireo ny mpitariky ny Synagoga niteny hoe: "Ry rahalahy, raha
manana hafatra fampaherezana ho an'ny olona eto ianareo, dia teneno izany."
[16]Ka nitsangana Paoly ary nanao fihetsika tamin'ny tanany, niteny hoe: "Ry olon'Israely ary ianareo izay manome
voninahitra an'Andriamanitra, mihainoa. [17]Ny Andriamanitry ny olon'Israely dia nisafidy ny raintsika ary nampitombo
isa ny olona rehefa nipetraka tao amin'ny tanin'ny Egypta, ary tamin'ny fanandratana ny sandriny no nitarihany azy ireo
hivoaka tao. [18]Ary nandritry ny efapolo taona teo ho eo no nandeferany azy ireo tany an'efitra.[1]
[19]Ary rehefa avy nandrava firenena fito tany amin'ny tany Kanana izy, dia nomeny ny vahoakantsika ny tanin'izy ireo
mba ho lova. [20]Izany zava-drehetra niseho izany dia efa tamin'ny faha dimampolo sy efa-jato taona. Taorian'izany zavatra
rehetra izany, Andriamanitra nanome mpitsara azy ireo mandra-piavin'i Samoela mpaminany.
[21]Dia nangataka mpanjaka ny olona avy eo, ary Andriamanitra nanome azy ireo an'i Saoly zanaka lahin'i Kisa, lehilahy
izay avy amin'ny fokon'i Benjamina, mba ho mpanjaka mandritry ny efapolo taona. [22]Ary avy eo Andriamanitra nanala
azy teo amin'ny fanjakany, ka nanandratra an'i Davida mba ho mpanjakan'izy ireo. Fa izany no nolazain'Andriamanitra
momba an'i Davida hoe: "Efa nahita an'i Davida zanak'i Jesea aho mba ho olon'ny foko, izay hanao izay rehetra tiako
hataony.
[23]Fa avy amin'ny taranak'io lehilahy io no hitondran'Andriamanitra mpanavotra ho an'Israely, dia i Jesosy, araka izay efa
nampanantenainy hatao. [24]Nanomboka niseho izany, talohan'ny nahatongavan'i Jesosy, Jaona nanambara voalohany
tamin'ny vahoakan'Israely rehetra momba ny batisan'ny fibebahana. [25]Satria Jaona efa nahavita ny asany, dia hoy izy:
"Iza no hieritretanareo ahy? Tsy izaho ilay izy. Fa henoy, hisy iray ho avy aorinako, ary ny kiraron'ny tongony dia tsy
hahamendrika ahy ny hamaha azy.
[26]Ry rahalahy, zanaka avy amin'ny taranak'i Abrahama, ary izay midera an'Andriamanitra rehetra eo aminareo, ho
antsika no nandefasana izany hafatra momban'ny famonjena izany. [27]Fa ireo izay mipetraka any Jerosalema, sy ny
mpitondran' izy ireo, dia tsy nahafantatra azy, ka tanterak'izy ireo ny voalazan'ny mpaminany izay vakiana isan-tsabata
ny amin'ny fanamelohana azy.
[28]Na dia tsy mahita antony tsara hamonoana azy aza izy ireo, dia nangataka tamin'i Pilaty ihany mba hamono azy.
[29]Rehefa tanterak'izy ireo ny zavatra rehetra izay voasoratra momba azy, dia nampidin'izy ireo teny amin'ny hazo Izy ary
nampandriany tao am-pasana.
[30]Fa Andriamanitra kosa nampitsangana azy tamin'ny maty. [31]Ary hitan'ireo izay niara-niakatra taminy avy tany Galilia
mankany Jerosalema izy nandritry ny andro maromaro. Ary ankehitriny dia ireo olona ireo no vavolombelony ho an'ny
olona.
[32]Noho izany izahay miteny aminareo ny filazantsara izay nampanantenain'Andriamanitra tamin'ny raintsika izay efa
tanterany ho antsika, [33]zanak'izy ireo, tamin'ny nananganany an'i Jesosy. Arak'izay efa voasoratra ao amin'ny salamo
faharoa hoe: 'Zanako ianao, anio dia ho tonga Rainao aho.' [34]Ny antony nananganana azy tamin'ny maty dia ny mba tsy
hahasimba mandrakizay ny vatany, Andriamanitra niteny toy izao: 'Homeko anareo ny fitahiana masina sy azo antoka
nampanantenaina an'i Davida.'
[35]Izany koa no nahatonga azy niteny tao amin'ny salamo hafa hoe: "Tsy hamela ilay Masina hahita ny lo ianao." [36]Satria
rehefa nanatanteraka ireo fanirian'Andriamanitra ho an'ny taranany i Davida dia resin-tory izy, ka nampandriana
niaraka tamin'ireo rainy izy ary ny vatany niharan'ny fahalovana. [37]Fa izy izay natsangan'Andriamanitra dia tsy
niharan'ny faharavana.
[38]Ka aoka ho fantatrareo izany, ry rahalahy, fa tamin'ny alalan'io lehilahy io no nanambarana taminareo ny famelana ny
fahotana. [39]Amin'ny alalany ny olona tsirairay izay mino dia voamarina amin'ny zavatra rehetra izay mety tsy ho
voamarin'io lalàn'i Mosesy io.
[40]Ka mitandrema mba tsy hiseho aminareo izay zavatra nolazain'ny mpaminany hoe: [41]"Indro, ianareo ry mpanao
tsinontsinona, dia ho gaga ary ho levona. Fa Izaho manao asa amin'ny andronareo, Asa izay tsy ninoanareo mihitsy, na
dia misy olona manambara izany aminareo aza."
[42]Rehefa lasa i Barnabasy sy i Paoly, dia niangavy azy ireo ny olona mba hitorian'izy ireo ireo teny ireo ihany amin'ny
Sabata manaraka. [43]Rehefa tapitra ny fivoriana tao amin'ny Synagoga, dia maro tamin'ireo Jiosy sy ireo proselita
mahafatra-po no nanaraka an'i Paoly sy Barnabasy, izay niresaka tamin'izy ireo sy nampirisika azy mba hanohy ao
amin'ny fahasoavan'Andriamanitra.
[44]Tamin'ny Sabata manaraka, dia saika ny tanàna manontolo no niaraka niangona mba handre ny tenin'ny Tompo.
[45]Rehefa nahita ireo vahoaka ny Jiosy, dia feno fialonana izy ireo ary niteny nanohitra ireo zavatra izay nolazain'i Paoly sy
naneso azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[46]Fa Paoly sy Barnabasy niteny am-pasahiana ary nilaza hoe: "Ilaina ho voalaza aminareo mialoha ny tenin'Andriamanitra. Fa rehefa manosika izany ianareo ary mihevitra ny tenanareo ho tsy mendrika ny fiainana mandrakizay, dia indro, hiverina any amin'ny Jentilisa izahay. [47]Araka izay efa nandidian'ny Tompo anay, manao hoe: "Napetrako mba ho fahazavan'ny Jentilisa ianareo, izany no tokony hitondranareo famonjena ho an'ireo izay any amin'ny fara-vazan-tany."
[48]Rehefa nandre izany ny Jentilisa, dia faly sy nidera ny tenin'ny Tompo. Ary maro ireo izay voatendry ho amin'ny finoana ny fiainana mandrakizay no nino. [49]Ary ny tenin'ny Tompo dia niely eraky ny faritra manontolo.
[50]Fa ny Jiosy kosa dia namporisika ireo vehivavy mahafatra-po sy manan-danja, sy ireo lehilahy mpitarika tao an-tanàna. Niteraka fanenjehana ho an'i Paoly sy Barnabasy izany ary nanipy azy ireo ho any ivelan'ny sisin-tanin'ny tanàna. [51]Fa Paoly sy Barnabasy nanintsana ny vovoka tamin'ny tongotr'izy ireo mba hanoherana azy ireo. Ary avy eo izy ireo dia nankany amin'ny tanànan'i Ikoniama. [52]Ary ny mpianatra dia feno hafaliana sy ny Fanahy Masina.

---

[a]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha dia mivaky toy izao: "Nandritry ny efapolo taona eo ho eo dia niahy azy ireo tany an'efitra izy."

---

14 [1]Ary tamin'izany tao Ikonioma Paoly sy Barnabasy niara-niditra tao amin'ny Synagogan'ny jiosy ka niresaka tam-pahavitrihana ary ny vahoaka maro be Jiosy sy Grika dia nino. [2]Fa ny jiosy izay tsy nankato kosa dia nanakorontana ny fisainan'ny jentilisa ka nahatonga azy ireo hanohitra ireo rahalahy.
[3]Ka nitoetra ela teo izy ireo, niteny am-pasahiana niaraka tamin'ny herin'ny Tompo, tamin'ny nanomezany porofo mahakasika ny hafatra ny amin'ny fahasoavany. Izy nanao izany tamin'ny alalan'ny famantarana sy fahagagana izay natao tamin'ny alalan'ny tanan'i Paoly sy Barnabasy. [4]Saingy ny ankamaroan'ny tanàna dia nizarazara: ny olona sasany niandany niaraka tamin'ireo jiosy, ary ny sasany niaraka tamin'ireo apostoly.
[5]Rehefa nanandrana nandresy lahatra ny mpitarika azy ireo ny Jentilisa sy ny Jiosy mba hamono sy hitora-bato an'i Paoly sy Barnabasy, [6]dia nanjary niafina izy ireo ary nandositra haingana tao an-tanànan'ny Lykaonia, Lystra sy Derbe, ary ireo tanàna manodidina ny faritra, [7]ka tany izy ireo no nanambara ny filazantsara.
[8]Nisy lehilahy iray nipetraka tao Lystra, malemy ny tongony, hatrany an-kibon-dreniny, izay efa tsy nandeha hatramin'izay. [9]Io lehilahy io nandre an'i Paoly niteny. Paoly nanatrika azy tsara teo amin'ny masony ka nahita fa manana finoana ny ho sitrana izy. [10]Koa nilaza taminy izy tamin'ny feo mahery hoe: "Mitsangàna amin'ny tongotrao." Noho ny avy eo ilay lehilahy dia nitsambikimbikina ary nandeha teo amin'ny manodidina.
[11]Rehefa nahita izay nataon'i Paoly ireo vahoaka maro be dia nanandratra ny feony izy ireo, niteny tamin'ny fitenin'ny Lykonia hoe: "Nidina avy any an-danitra ho amintsika amin'ny endrik'olona ireo andriamanitra.' [12]Niantso an' i Barabasy izy ireo hoe "Jopitera", ary Paoly "Merkory", satria izy no mpandaha-teny. [13]Ny mpisoron'i Jopitera, izay ny tempoly dia teo ivelan'ny tanàna, dia nitondra omby sy fehiloha vy teo am-bavahady; izy sy ny vahoaka maro be nikasa hanome sorona.
[14]Fa ny apostoly, Barnabasy sy Paoly, rehefa nandre izany dia nandrovitra ny fitafiany izy ireo ka nandeha haingana ho ao anaty vahoaka, nitaraina sy niteny hoe: [15]"Ry lehilahy, nahoana ianareo no manao izao zavatra izao? Izahay ihany koa dia olombelona mitovy fahatsapana aminareo ihany. Izahay mitondra ny filazantsara ho anareo, mba hitodihanareo hiala amin'izao zava-poana izao ho any amin'Andriamanitra velona, izay nanao ny lanitra, ny tany, ary ny ranomasina sy ny zava-drehetra izay ao aminy. [16]Tamin'ny andro taloha, Izy dia namela ny firenena rehetra nandeha tamin'ny lalany manokana avy.
[17]Kanefa, Izy dia tsy namela ny tenany tsy hisy vavolombelona, tao amin'izany dia nanao ny tsara Izy ary nanome anareo ranon'orana avy any an-danitra sy vanim-potona mahavokatra, ka hameno ny fonareo amin'ny sakafo sy firavoravoana."
[18]Fa na dia tamin'izany teny izany aza, Paoly sy Barnabasy dia tsy nitsahatra nihazona ny vahoaka maro be tsy hanao sorona ho azy ireo.
[19]Fa ny Jiosy sasany avy ao Antiokia sy Ikonioma dia tonga ary nandresy lahatra ny vahoaka. Izy ireo nitora-bato an'i Paoly sy nitarika azy hivoaka ny tanàna, ary nieritreritra fa maty izy. [20]Ary raha mbola nijoro nanodidina azy teo ireo mpianatra, dia nitsangana izy ary niditra ny tanàna. Ny ampitso, dia nandeha nankany Derbe niaraka tamin'i Barnabasy izy.
[21]Avy eo izy ireo nanambara ny filazantsara tao amin'izany tanàna izany ka nahazo mpianatra maro, niverina tao Lystra izy ireo, tany Ikonioma, sy tany Antiokia. [22]Izy ireo dia nanohy nampahery ny fanahin'ireo mpianatra ary namporisika azy mba hanohy ao amin'ny finoana, no sady nilaza fa: "Tsy maintsy amin'ny fahoriana maro be no hidirantsika ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra."
[23]Rehefa nanendry loholona ho azy ireo teo amin'ny isam-piangonana izy ireo, sy nivavaka tamin'ny fifadian-kanina, dia natolotr'izy ireo ho an'ny Tompo izany, izay ninoan'izy ireo. [24]Dia nandalo tamin'ny Pisidia izy ireo ka tonga tao Panfilia.
[25]Rehefa nanambara ny teny tao Perga izy ireo, dia nandeha nidina tany Atalia. [26]Avy tany izy ireo no niantsambo nidina ho any Antiokia, izay nahazoan'izy ireo ny fahasoavan' Andriamanitra ho an'ny asa izay vitan'izy ireo ankehitriny.
[27]Rehefa tonga tao Antioka izy ireo ary nanangona niaraka ny fiangonana, dia nitatitra ny zavatra rehetra izay vitan'Andriamanitra tamin'izy ireo, sy hoe ahoana no namoahany varavaran'ny finoana ho an'ireo Jentilisa. [28]Dia nijanona fotoana ela niaraka tamin'ireo mpianatra izy ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

15 [1]Ny olona sasany dia nidina avy tany Jodia hatrany Antiokia ary nampianatra ireo rahalahy, ka niteny hoe: "Raha tsy
vita famorana araka ny fomba fanaon'i Mosesy ianareo, dia tsy ho voavonjy ianareo." [2]Izany dia nitondra an'i Paoly
sy Barnabasy tao anaty fifandirana sy ady hevitra tamin'izy ireo. Noho izany i Paoly sy i Barnabasy dia voatendry niaraka
tamin'ny sasany hafa tamin'izy ireo hiakatra any Jerosalema mba hihaona amin'ireo apostoly sy ireo loholona momba
izany fanontaniana izany.
[3]Noho izany izy ireo, nalefan'ny fiangonana, dia namakivaky an'i Foinika sy Samaria ary nanambara ny fiovam-pon'ireo
Jentilisa. Izy ireo dia nitondra hafaliana lehibe tamin'ireo rahalahy rehetra. [4]Rehefa tonga tao Jerosalema izy ireo, dia
noraisin'ny fiangonana sy ireo apostoly ary ireo loholona, ka nitatitra ireo zavatra rehetra izay nataon' Andriamanitra
tamin'izy ireo.
[5]Nefa ny olona sasany izay nino, izay tao amin'ny tarik'ireo Fariseo, dia nitsangana sy niteny hoe: "Ilaina ny manao ny
famorana azy ireo sy ny mibaiko azy ireo hitandrina ny lalàn'i Mosesy." [6]Noho izany ireo apostoly sy ireo loholona dia
niara-nivory mba handinika izany zava-misy izany.
[7]Taorian'ny ady hevitra be, nitsangana i Petera ka niteny tamin'izy ireo hoe: "Ry rahalahy, fantatrareo fa efa taloha ela be
Andriamanitra no nanao safidy teo aminareo, mba ho amin'ny alalan'ny vavako dia tokony handre ny tenin'ny
filazantsara ireo Jentilisa, ary hino. [8]Andriamanitra, izay mahafantatra ny fo, vavolombelona amin'izy ireo, nanome ny
Fanahy Masina azy ireo, toy ny nataony tamintsika; [9]ary tsy nanao fanavakavahana tamintsika sy tamin'izy ireo Izy,
nanadio ny fon'izy ireo tamin'ny finoana.
[10]Ary noho izany nahoana ianareo no mitsapa an'Andriamanitra, hoe tokony hametrahanareo zioga eo amin'ny
vozon'ireo mpianatra nefa na ny razantsika na isika aza tsy mahavita milanja? [11]Nefa mino isika fa ho voavonjy amin'ny
alalan'ny fahasoavan'i Tompo Jesosy, toa azy ireo ihany koa."
[12]Ny olona rehetra dia nitazona ny fahanginana nandritry ny nihainoan'izy ireo an'i Barnabasy sy Paoly mitatitra ireo
famantarana sy ireo fahagagana niasan'Andriamanitra izay niasa tamin'ireo Jentilisa tamin'ny alalan'izy ireo.
[13]Rehefa avy nijanona niresaka izy ireo, dia namaly Jakoba, niteny hoe: "Ry rahalahy, henoy aho. [14]I Simeona dia efa
nanambara ny fomba nanampian'Andriamanitra tam-pahasoavana voalohany ireo Jentilisa mba haka amin'izy ireo olona
ho an'ny anarany.
[15]Ireo tenin'ireo mpaminany dia momba izany, araka ny voasoratra hoe:[16]"Aorian'ireo zavatra ireo dia hiverina aho, ary
hanangana indray ny trano lain'i Davida aho, izay efa nianjera; Hanamboatra sy hamerina amin'ny laoniny indray ireo
faharavany aho, [17]mba hitady ny Tompo ireo olona sisa tavela, ao anatin'izany ireo Jentilisa rehetra izay antsoina amin'ny
anarako.' [18]Izao no nolazain'ny Tompo, ireo izay efa nanao ireo zavatra ireo izay efa fantatra tamin'ireo razambe fahiny.[1]
[19]Noho izany, ny hevitro dia, tsy tokony hanakorontana ireo avy amin'ny Jentilisa izay nitodika tamin'Andriamanitra isika.
[20]Fa isika dia hanoratra ho azy ireo fa tsy maintsy miala amin'ny fahalotoan'ireo sampy izy ireo, amin'ny fahavetavetana,
ary amin'ny henan'ireo biby voakenda, sy amin'ny rà izy ireo. [21]Satria Mosesy dia efa voambara tamin'ny isan-tanàna
tamin'ny andro fahiny ary izy dia vakiana ao amin'ireo synagoga isaky ny Sabata."
[22]Dia toa tsara tamin'ireo apostoly sy ireo loholona, niaraka tamin'ny fiangonana manontolo, ny hifidy an'i Joda izay
antsoina hoe Barsabasy, sy i Silasy, izay mpitarika ny fiangonana, sy ny handefa azy ireo any Antokia miaraka amin'i
Paoly sy Barnabasy. [23]Izy ireo dia nanoratra ity: "Hatrany amin'ireo apostoly sy ireo loholona, ireo rahalahinareo,
hatramin'ireo rahalahy avy any Jentily any Antiokia, Siria, ary Kilikia: Arahaba!
[24]Isika dia efa nandre fa ireo olona sasany dia niala tamintsika, tsy nisy baiko avy amintsika, ary nanelingelina anareo
tamin'ireo fampianarana izay nampikorontana ny fanahinareo. [25]Izao no izy, izahay rehetra dia efa nanaiky ny hifidy ireo
lehilahy sy handefa azy ireo any aminareo miaraka amin'i Barnabasy sy Paoly malalanay, [26]lehilahy izay nanao ny ainy
tsy ho zavatra ho an'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika.
[27]Noho izany izahay dia maniraka an'i Joda sy i Silasy, izay hilaza aminareo io zavatra io ihany amin'ny tenin'izy ireo
manokana. [28]Fa toa tsara amin'ny Fanahy Masina sy aminay, ny tsy hampitondra anareo entana lehibe noho ireo zavatra
tena ilaina ireo: [29]mba hialanareo amin'ireo zavatra nataonareo ho fanatitra amin'ireo sampy, rà, ireo zavatra voakenda,
ary avy amin'ny fahavetavetana. Raha mitandrina ny tenanareo amin'izany ianareo, dia ho tsara aminareo izany.
Veloma."
[30]Noho izany izy ireo, rehefa voaroaka, dia nidina tany Antiokia; avy eo izy ireo dia namory ny vahoaka niaraka, ary
nanolotra ilay taratasy izy ireo. [31]Rehefa voavakin'izy ireo izany, dia nifaly izy ireo noho ny fampaherezana. [32]Joda sy i
Silasy, mpaminany ihany koa, dia nankahery ireo rahalahy tamin'ny teny maro sy nampahery azy ireo.
[33]Rehefa avy nijanona fotoana vitsivitsy tao izy ireo, dia nalefa am-piadanana avy amin'ireo rahalahy ho any amin'ireo
izay nandefa azy ireo izy ireo. [34][2] [35]Fa i Paoly sy Barnabasy dia nijanona tany Antiokia niaraka tamin'ireo maro hafa, izay
nampianaran'izy ireo sy nanambaran'izy ireo ny tenin'ny Tompo.
[36]Taorian'ny andro vitsy Paoly dia niteny tamin'i Barnabasy hoe: "Andao isika hiverina ankehitriny ary hamangy ireo
rahalahy any amin'ny tanàna rehetra izay nanambarantsika ny tenin'ny Tompo, ary hahita hoe manao ahoana izy ireo."
[37]I Barnabasy dia te hitondra ihany koa an'i Jaona izay nantsoina hoe Marka hiaraka amin'izy ireo. [38]Nefa i Paoly nihevitra
fa tsy tsara ny hitondrana an'i Marka, izay nandao azy ireo tany Panfilia sy tsy nanohy niara-niasa tamin'izy ireo niasa.
[39]Avy eo dia nisy fifandirana mafy, ka nisaraka izy ireo, ary i Barnabasy nitondra an'i Marka niaraka taminy ary nandeha
sambo nankany Sipra. [40]Fa i Paoly nifidy an'i Silasy ary nandeha, taorian'ny nanomezan'ireo rahalahy azy andraikitra ho

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

an'ny fahasoavan'ny Tompo. [41]Avy eo izy dia nandeha namakivaky an'i Syria sy i Kilikia, ka nampatanjaka ireo fiangonana.

₁Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taloha dia mivaky toy izao: "Izao no nolazain'ny Tompo, amin'ireo izay fantatra tamin'ny andro fahiny ny asany rehetra.
₂Fanamarihana: Ny dikan-teny tranainy indrindra dia manala ny andininy faha34 (jereo ny Asa 15:40): "Nefa mbola satrin'i Silasy ny hijanona teo."

---

16 [1]Tonga tany Derbe sy Lystra ihany koa Paoly, ary indro, teo ilay mpianatra iray antsoina hoe Timoty, zanaka lahin'ny vehivavy Jiosy izay nino; Grika ny rainy. [2]Izy dia tsara laza tamin'ireo rahalahiny izay tany Lystra ary Ikonioma. [3]Tian' i Paoly hiara-dia aminy izy; dia nalainy izy ary noforany noho ireo Jiosy izay teo amin'ireo toerana ireo, satria fantatr'izy rehetra fa Grika ny rainy.
[4]Raha nandeha namakivaky ireo tanàna maro izy ireo, dia nanolotra toromarika ho an'ireo mpino mba hankato ny fampianarana, izay nosoratan'ny Apostoly sy ny loholona tao Jerosalema. [5]Ka niha-natanjaka tamin'ny finoana ny fiangonana ary nitombo isa isan'andro.
[6]Nandeha namakivaky ny faritry ny Frygia sy Galatia Paoly sy ny namany, satria noraran' ny Fanahy Masina izy ireo hanambara ny teny any amin'ny faritr'i Asia. [7]Rehefa niditra nanakaiky an' i Mysia, dia te-handeha ho any Bitynia izy ireo, nefa nosakanan' ny Fanahin'i Jesosy izy ireo. [8]Ka nandalo tamin'i Mysia, dia nandeha nidina tany amin'ny tanàna an'i Troasy izy ireo.
[9]Nahita fahitana i Paoly tamin'ny alina: lehilahy iray Makedoniana nitsangana teo, niantso azy ary niteny hoe: "Avia aty Makedonia ary vonjeo izahay." [10]Rehefa avy nahita ny fahitana i Paoly, dia niainga hihazo an' i Makedonia avy hatrany izahay, nahatsapa fa Andriamanitra no niantso anay mba hitory ny filazantsara amin' izy ireo.
[11]Niantsambo noho izany avy any Troasy, dia nizotra mahitsy ho any Samatrakia izahay, ary nihazo an'i Neapolia izahay ny andro manaraka. [12]Avy teo dia nandeha nankany Filipy izahay, izay isan'ny tanàna Makedonia, izay tanàna manan-danja indrindra ao amin'ny faritra sy ny zana-tany Romanina, ary nijanona tao amin'izany tanàna izany nandritry ny andro maro izahay. [13]Tamin'ny andron'ny Sabata dia nandeha tany ivelan'ny vavahady akaikin'ny renirano izahay, izay noeritreretinay fa misy toeram-pivavahana. Nipetraka izahay ary niresaka tamin'ireo vehivavy izay niara-tonga teo.
[14]Nisy vehivavy iray atao hoe Lydia, mpivaro-damba volomparasy avy any amin'ny tanànan' i Tyatira, izay nanompo an'Andriamanitra, nihaino anay. Nanokatra ny fony ny Tompo hitandrina ny teny izay nolazain' i Paoly. [15]Rehefa vita batisa izy sy ny ankohonany, dia namporisika anay izy, niteny hoe: "Raha nitsara ahy ho mahatoky amin'ny Tompo ianareo, dia midira ary mitoera ao an-trano." Ary nandresy lahatra anay izy.
[16]Ary tamin'izany, raha nandeha nankany amin' ny toeram-pivavahana izahay, dia nisy zatovovavy iray izay manana fanahin'ny sikidy nifanena taminay. Nitondra tombony maro ho an'ny tompony tamin'ny alalan'ny sikidy izy. [17]Nanaraka anay sy Paoly avy ao aoriana io vehivavy io ary niantso mafy, nanao hoe: "Ireo lehilahy ireo dia mpanompon' Andriamanitra Avo Indrindra. Manambara aminareo ny lalam-pamonjena izy ireo." [18]Nanao izany nandritry ny andro maro izy. Fa i Paoly dia nanomboka sosotra taminy ka nitodika ary niteny tamin' ny fanahy hoe: "Mandidy anao amin' ny anaran'i Jesosy Kristy aho mba hivoaka ao aminy." Ary nivoaka avy hatrany izany.
[19]Rehefa hitan'ireo tompony fa lasa ilay fanantenana ny amin'ny tombony ho azy ireo, dia nosamborin' izy ireo i Paoly sy Silasy ary notaritiny izy ireo ho any an-tsena teo anoloan'ireo manam-pahefana. [20]Rehefa nitondra azy ireo teo anoloan'ireo mpitsara izy ireo, dia niteny hoe: "Manakorontana ny tanànantsika ireto lehilahy ireto. Jiosy izy ireo.
[21]Manambara fomba izay tsy ara-dalàna ho an'ny Romanina ny manaiky na mampihatra azy izy ireo."
[22]Dia nitsangana ny vahoaka nanohitra an' i Paoly sy Silasy; nanala ny lamban'izy ireo ny mpitsara ary nandidy azy ireo mba ho kapohina amin'ny hazo. [23]Rehefa nokapohin'ireo mafy izy ireo, dia nalefan'izy ireo any an-tranomaizina ary nandidy ny mpiandry tranomaizina mba hiambina mafy azy ireo. [24]Rehefa naharay izany didy izany ny mpiambina, dia nalefany tany amin'ny farany lalina indrindra amin'ny fonja izy ireo ary nofatorany teo amin'ny hazo ny tongotr'izy ireo.
[25]Nanodidina ny misasak'alina dia nivavaka i Paoly sy Silasy ary nihira fiderana an'Andriamanitra, ary ireo gadra hafa dia nihaino azy ireo. [26]Tampoka teo dia nisy horohorontany lehibe, ka nampihozongozona ny fototry ny fonja; ary nisokatra avy hatrany ny varavarana rehetra, ary nivaha ny fatoran'ny olona rehetra.
[27]Taitra tamin'ny torimaso ny mpiandry ny tranomaizina ary nahita ireo varavaran'ny fonja nivoha; namoaka ny sabany izy ka saika hamono ny tenany, satria noeritreretiny fa nandositra ireo gadra. [28]Fa niantso tamin'ny feo mafy Paoly, nanao hoe: "Aza mandratra ny tenanao, satria ato daholo izahay rehetra."
[29]Nampiantso Jiro ilay mpiandry tranomaizina ary niditra haingana tao anatiny, tora-kovitra noho ny tahotra, nihohoka teo anoloan'i Paoly sy Silasy, [30]ary nitondra azy ireo nivoaka sy niteny hoe: "Tompoko, inona no tsy maintsy hataoko mba ho voavonjy?" [31]Hoy izy ireo hoe: "Minoa an'i Tompo Jesosy, dia ho voavonjy ianao, ianao sy ny ankohonanao."
[32]Nitory ny tenin'ny Tompo taminy izy ireo, niaraka tamin'ny olona rehetra tao an-tranony. [33]Avy eo dia nandray azy ireo tamin'ny alina tamin'iny ora iny ihany ilay mpiandry fonja, ary nanasa ny ferin'izy ireo, ary izy sy ireo rehetra tao amin'ny tranony iray manontolo dia natao batisa teo no ho eo. [34]Avy eo dia nentiny niakatra tao an-tranony i Paoly sy Silasy ary nandroso sakafo teo anoloan'izy ireo izy, dia nifaly tokoa izy niaraka tamin'ireo izay tao an-tranony, fa efa nino an'Andriamanitra izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[35]Ary rehefa maraina ny andro, dia nandefa teny tamin'ireo mpiambina ireo mpitsara, niteny hoe: "Avelao handeha ireo lehilahy ireo." [36]Nitatitra izany teny izany tamin'i Paoly ilay mpiambina, niteny hoe: "Nampitondra teny tamiko ireo mpitsara mba hamela anareo handeha: noho izany ankehitriny mivoaha, ary mandehana am-piadanana."
[37]Fa niteny tamin' izy ireo Paoly hoe: "Nikapoka anay ampahibemaso tsy nisy fitsarana izy ireo, na dia mizàka ny zom-pirenena Romanina aza izahay_ ary nalefan'izy ireo tao am-pigadrana. Ankehitriny dia tian'izy ireo ho alefa an-tsokotsoko ve izahay? Tsia! Aoka ny tenan'izy ireo no ho tonga eto sy hitarika anay hivoaka." [38]Nitatitra izany teny izany tamin'ny mpitsara ny mpiambina, ary raha vao nandre izy ireo fa romanina i Paoly sy Silasy, dia natahotra izy ireo.
[39]Tonga sy nialatsiny tamin'izy ireo ny mpitsara ary nitondra azy ireo nivoaka, nangataka azy ireo mba hiala ao an-tanàna.
[40]Ka niala tao an-tranomaizina i Paoly sy Silasy ary nankao an-tranon'i Lydia. Rehefa nahita ireo rahalahy i Paoly sy Silasy, dia nampahery azy ireo ary avy eo dia niala tao an-tanàna izy ireo.

17 [1]Ary rehefa nandalo ireo tanànan'ny Anfipolia sy Apolonia izy ireo, dia tonga tao amin'ny tanànan'i Tesalonika izy ireo, izay nisy Synagogan'ny Jiosy. [2]Paoly, araka ny fomba fanaony dia nankeo amin'izy ireo, ary niady hevitra niaraka tamin'izy ireo avy ao amin'ny Soratra Masina nandritra ny andro Sabata telo.
[3]Nosokafany ny Soratra Masina ary nazavainy fa nilain' i Kristy ny nijaly sy hitsangana indray amin'ny maty. Hoy izy hoe: "Io Jesosy izay ambarako aminareo io no Kristy." [4]Resy lahatra ny sasany tamin'ireo Jiosy ary nanaraka an'i Paoly sy Silasy, anisan'izany ireo mpivavaka Grika maro an'isa, ary tsy vitsy ny vehivavy mpitarika.
[5]Fa ireo Jiosy tsy mpino nenti-pialonana dia naka ireo olona ratsy fanahy avy any an-tsena, nanangona niaraka ny vahoaka, ary nampitabataba ny tanàna. Nanafika ny tranon'i Jasona, te hitondra an'i Paoly sy Silasy hiala ny vahoaka izy ireo. [6]Fa rehefa tsy hitany izy ireo, dia notarihan'izy ireo i Jasona sy ny rahalahy hafa sasany ho eo anoloan'ny manam-pahefanan'ny tanàna, nitomany, "Ireto lehilahy izay nampitsimbadika izao tontolo izao ireto dia tonga eto ihany koa.
[7]Ireto lehilahy izay nampandrosoan'i Jasona ireto dia manohitra ny didin'i Kaisara; miteny izy ireo fa misy mpanjaka hafa-dia i Jesosy."
[8]Voaelingelina ny vahoaka sy ny manam-pahefana teo amin'ny tanàna rehefa nahare izany zavatra izany. [9]Fa rehefa avy eo ny manam-pahefana nampanao sy nampandoa vola an'i Jasona sy ny ambiny mba ho antoka, avy eo izy ireo namela azy ireo handeha izy ireo.
[10]Nalefan'ireo rahalahy tany Beria ny alin'iny i Paoly sy Silasy. Rehefa tonga tany izy ireo, dia niditra tao amin'ny synagogan'ny Jiosy. [11]Ary ireo olona ireo dia mihaja kokoa noho ireo any Tesalonika, fa nandray ny teny tamim-pahavononan'ny saina rehetra izy ireo, nandinika ny Soratra Masina isan'andro mba hahita raha tena izany tokoa ireny zavatra ireny. [12]Noho izany dia maro tamin'izy ireo no nino, tao anatin'izany ny vehivavy Grika manan-kaja sasany sy lehilahy maro.
[13]Fa ireo Jiosin'ny Tesalonika rehefa nahare fa i Paoly dia nanambara ny tenin'Andriamanitra tao Beria ihany koa, dia nandeha teny izy ireo ary nampitabataba sy nampikorontana ireo vahoaka. [14]Ary avy hatrany, ireo rahalahy nandefa an'i Paoly ho any an-dranomasina, fa i Silasy sy i Timoty nijanona teo. [15]Ireo izay nitarika an'i Paoly nitondra azy hatrany amin'ny tanànan'i Atena. Raha namela an'i Paoly teo izy ireo, dia nandray torolàlana avy aminy ho an'ny Silasy sy Timoty mba hankany aminy haingana araka izay azo atao.
[16]Ary raha niandry azy ireo tany Atena i paoly, dia tonga tezitra tao anatiny ny fanahiny raha vao nahita ny tanàna feno sampy. [17]Ka niady hevitra tao amin'ny synagoga niaraka tamin'ireo Jiosy sy ireo hafa izay nanompo an'Andriamanitra izy, tahaka izany koa ny tao amin'ny toeran'ny raharaham-barotra niaraka tamin'ireo izay teo.
[18]Fa ny sasany tamin'ireo filozofa Epikoreana sy Stoika ihany koa nifanena taminy. Ny sasany nilaza hoe: "Inona no tian'io be resaka io ho lazaina?" Ny hafa nilaza hoe: "Toa ohatran' ilay iray izay miantso ny olona hanaraka ireo andriamanitra hafahafa izy," satria nitory an'i Jesosy sy ny fitsanganana amin'ny maty izy.
[19]Naka an'i Paoly izy ireo ary nitondra azy tao amin'ny Areopago, niteny hoe: "Afaka mamantatra izany fampianarana vaovao izay noteneninao izany ve izahay? [20]Fa mitondra zavatra hafahafa tsy fahenon'ny sofinay ianao. Noho izany, te hahafantatra ny dikan'izany zavatra izany izahay." [21](Ary ny Atenina rehetra sy ny vahiny nipetraka dia nandany ny fotoanany tamin'ny tsy nisy fa ihany koa tamin'ny filazana na fihainoana momban'ny zava-baovao.)
[22]Ka nitsangana teo afovoan'ny Areopago i Paoly ary niteny hoe: "Ianareo lehilahin'i Ateniana, hitako fa tena relijiozy amin'ny fomba rehetra ianareo. [23]Fa raha nandalo aho ary nandinika ny tanjon'ny fomba fanompoam-pivavahanareo, dia nahita alitara aho misy ity soratra ity hoe: "Ho an'Andriamanitra Tsy Fantatra. "Inona noho izany no hivavahanareo ao amin'ny tsy fahafantarana, izany no lazaiko aminareo.
[24]Ny Andriamanitra izay nanao izao tontolo izao sy ny zava-drehetra eo aminy, satria Tompon'ny lanitra sy ny tany Izy, tsy mipetraka ao anaty tempoly voaorina tamin'ny tanana. [25]Na izy tsy notompoina tamin'ny tanan'olona, toy ny nila zavatra izy, satria izy tenany no manome fiainana ny olona sy ny fofon'aina ary ny zavatra hafa rehetra.
[26]Avy amin'ny olona iray no nanaovany ny firenena rehetra ho an'ny olona mba hiaina eo ambonin'ny tany, namaritra ny vanim-potoan'izy ireo sy nanendry ny toera-ponenana ary ny andro iainan'ireo, [27]ka mba tokony hitady an'Andriamanitra izy ireo, raha toa ka mety hahatratra sy hahita Azy izy ireo. Kanefa mbola tsy lavitra antsika tsirairay avy Izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[28]Satria isika dia mivelona sy mihetsika ary manana ny maha-izy antsika, tahaka ny notenenin'ny iray amin'ny mpanao tononkalonareo manokana hoe: "Fa taranany ihany koa isika." [29]Noho izany, satria zanak'Andriamanitra isika, isika dia tsy tokony hieritreritra fa ny hatsaran'ny fombany dia mitovy amin'ny volamena, na volafotsy, na sary-vongana izay noforonina avy amin'ny asa tànana sy aingam-panahin'olombelona.
[30]Noho izany dia nohadinon'Andriamanitra ny fotoan'ny tsy fahalalana, fa ankehitriny mandidy ny olona rehetra eny rehetra eny mba hibebaka izy. [31]Izany no izy satria nametraka andro izy hoe rahoviana no hitsara an'izao tontolo izao amin'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny olona izay nofidiany. Nanome porofon'io lehilahy io tamin'ny olona tsirairay tamin'ny alalan'ny fananganana azy tamin'ny maty Andriamanitra.
[32]Ary rehefa nahare ny fitsanganana amin'ny maty ny olon'i Atena, dia naneso an'i Paoly ny sasany; fa ny sasany nilaza hoe: "Hihaino anao indray momba izany zavatra izany izahay." [33]Taorian'izay, nandao azy ireo i Paoly. [34]Fa ny sasany tamin'ny olona nanaraka azy ary nino, tao anatin'izany i Dionysio Aeropagita, vehivavy antsoina hoe Damary, ary ny sasany niaraka tamin'izy ireo.

18 [1]Ary tao aorian'ireo zavatra ireo Paoly dia niala tao Atena ary nankany Korinto. [2]Nihaona tamina Jiosy nantsoina hoe Akoila tao izy, tera-tany Ponto, izay vao tonga avy tany Italia niaraka tamin'i Prisila vadiny, satria i Klaodio nandidy ny Jiosy rehetra hiala tao Roma. Paoly nankeo amin'izy ireo, [3]ary satria varotra mitovy ihany no hiasany, dia niara-nipetraka tamin'izy ireo izy ary niasa, fa ny manao lay no asan'izy ireo.
[4]Ka niady hevitra tao amin'ny synagoga isaky ny Sabata i Paoly. Nandresy lahatra ireo Jiosy sy Grika izy. [5]Fa rehefa nidina avy tany Makedonia i Silasy sy Timoty, dia noteren'ny Fanahy hanambara amin'ireo Jiosy fa Jesosy no Kristy i Paoly.
[6]Rehefa nanohitra sy nanesoeso azy ireo Jiosy, dia nanofaofa ny lambany tany amin'izy ireo i Paoly ka nanao hoe: "Ho eo amin'ny lohanareo anie ny ràvareo; tsy manan-tsiny aho. Fa manomboka izao dia ho any amin'ny Jentilisa aho."
[7]Dia niala teo izy avy eo ary nandeha nankany an-tranon'i Titosy Josto, lehilahy izay manompo an'Andriamanitra. Ny tranony dia akaikin'ny synagoga. [8]Krispo, mpitarika ny synagoga, nino ny Tompo, niaraka tamin'ireo rehetra izay nipetraka tao amin'ny tranony; ary maro tamin'ireo Korintiana izay nandre momba izany no nino sy natao batisa.
[9]Ny Tompo niteny tamin'i Paoly tamin'ny fahitana ny alina hoe: "Aza matahotra, ary aza mangina fa mitenena. [10]Fa Izaho momba anao, ary tsy hisy olona hahazo hanao ratsy anao, fa manana olona maro amin'ity tanàna ity Aho." [11]Nitoetra tao herintaona sy enim-bolana i Paoly ary nampianatra ny tenin'Andriamanitra teo amin'izy ireo.
[12]Fa rehefa lasa governoran'ny Akaia i Galio, dia niara-nitsangana ireo Jiosy hanohitra an'i Paoly ka nitondra azy teo anatrehan'ny toeram-pitsarana; [13]niteny izy ireo hoe: "Io lehilahy io dia mandresy lahatra ny vahoaka mba hanompo an'Andriamanitra izay mifanohitra amin'ny lalàna."
[14]Ary raha handeha hiteny Paoly, dia niteny tamin'ny Jiosy i Galio hoe: "Ianareo Jiosy, raha toa ka resaka zava-dratsy na heloka izany, dia mbola azo eritreretina ny fifampiraharahana aminareo." [15]Fa hatrizay nisian'ireo fanontaniana momba ireo teny sy anarana ary lalànareo manokana ireo, alaminonareo izany. Izaho tsy maniry ny ho mpitsara izany raharaha izany."
[16]Galio nanala azy ireo hiala teo amin'ny sezam-pitsarana. [17]Ka nisambotra an'i Sostena izy rehetra, ny mpanapaka ny synagoga, ary nikapoka azy teo anoloan'ny toeram-pitsarana. Fa Galio tsy niraharaha izay nataon'izy ireo.
[18]Paoly, rehefa avy nipetraka tao nandritry ny andro maromaro kokoa, dia namela ireo rahalahy ka niondrana an-tsambo ho any Syria niaraka tamin'i Prisila sy Akolia. Talohan'ny niaingany teo amin'ny seranan-tsambo dia nohetezany tao Kenkrea ny volony noho ilay voady izay nataony. [19]Rehefa tonga tany Efesosy izy ireo, dia navelan'i Paoly teo i Prisila sy Akoila, fa izy tenany niditra tao amin'ny synagoga ka niady hevitra tamin'ireo Jiosy.
[20]Rehefa nangataka an'i Paoly mba hijanona elaela izy ireo, dia nandà izy. [21]Fa nandao azy ireo izy, niteny hoe: "Mbola hiverina aty aho raha sitrapon'Andriamanitra izany." Dia niondrana an-tsambo niala tao Efesosy izy avy eo.
[22]Rehefa niantsona tao Kaisaria i Paoly, dia niakatra izy ka niarahaba ny fiangonan'ny Jerosalema ary nidina nankany Antioky avy eo. [23]Rehefa avy nitoetra ora maromaro tao izy, dia niainga i Paoly ka nitety ireo faritr'i Galatia sy Frygia ary nankahery ny mpianatra rehetra.
[24]Ary nisy Jiosy anankiray nantsoina hoe Apolosy, teraka tany Aleksandria, tonga tao Efesosy. Izy dia nahay nandaha-teny sady nahalala tsara ny Soratra Masina. [25]Apolosy dia nampianarina tamin'ny fampianaran'ny Tompo. Mahafatra-po amin'ny fanahy, izy niteny sy nampianatra marina ireo zavatra mahakasika an'i Jesosy, kanefa ny batisan'i Jaona ihany no fantany. [26]Apolosy nanomboka niteny am-pasahiana tao amin'ny synagoga. Fa rehefa naheno azy i Prisila sy Akoila, dia naka azy ho eny amin'ny sisiny ary nanazava taminy marina kokoa ny lalan'Andriamanitra.
[27]Rehefa naniry mba hamakivaky an'i Akaia izy, dia nampahery azy ireo rahalahy ary nanoratra ho an'ireo mpianatra tao Akaia mba handray azy. Rehefa tonga izy, dia nanampy betsaka ireo izay nino tamin'ny fahasoavana. [28]Apolosy nanohitra mafy ireo Jiosy tamin'ny ady hevitra ampahibemaso, nampiseho tamin'ny alalan'ny Soratra Masina fa Jesosy no Kristy.

19 [1]Ary raha mbola tany Korinty i Apolosy, dia nandalo tamin'ny firenena ambony i Paoly ary tonga tao amin'ny tanànan'ny Efesosy, ary nahita mpianatra sasany tao. [2]Hoy Paoly tamin'izy ireo hoe: "Nahazo ny Fanahy Masina ve ianareo rehefa nino?" Hoy izy ireo taminy hoe: "Tsia, mbola tsy nandre momba ny Fanahy Masina akory izahay."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Paoly niteny hoe: "Tao amin'ny inona ary izany no nanaovana batisa anareo?" Namaly izy ireo hoe: "Tao amin'ny batisan'i Jaona." [4]Ka namaly Paoly hoe: "Jaona manao batisa amin'ny batisan'ny fibebahana. Niteny tamin'ny vahoaka izy fa tokony hino ilay iray izay ho tonga aoriany izy ireo, izany dia, ao amin'i Jesosy."
[5]Rehefa naheno izany ny olona, dia natao batisa tamin'ny anaran'ny Tompo Jesosy izy ireo. [6]Avy eo rehefa nametraka ny tanany tamin'izy ireo i Paoly, dia nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina ary niteny tamin'ny fiteny hafa sy naminany izy ireo. [7]Teo amin'ny roa ambin'ny folo teo ho eo izy rehetra.
[8]Niditra tao amin'ny sinagoga i Paoly ary niteny am-pahasahiana nandritry ny telo volana, nandresy lahatra sy nampanaiky azy ireo ny momba ny fanjakan'Andriamanitra. [9]Fa rehefa mafy fo sy tsy nankàto ireo Jiosy sasany, dia nanomboka niteny ratsy ny Lalana teo anoloan'ny vahoaka izy ireo. Ka nilaozan'i Paoly izy ireo ary nentiny ireo mpianatra, nandresy lahatra azy ireo isan'andro tao amin'ny efitrano fampianaran'ny Tiraniana. [10]Nitohy nandritry ny roa taona izany, ka izay rehetra nipetraka tao Asia dia nandre ny tenin'ny Tompo, ary ireo Jiosy sy ireo Grika.
[11]Andriamanitra nanao asa mahagaga tamin'ny alalan'ny tanan'i Paoly, [12]ka na dia ireo mosoara sy aron'akanjo izay nikasika azy aza dia natao tamin'ny marary ka sitrana ny aretin'izy ireo ary nivoaka avy tao amin'izy ireo ireo fanahy ratsy.
[13]Fa nisy Jiosy mpanala fanahy ratsy nandeha teny an-toerana. Niantso ny anaran'ny Tompo Jesosy izy ireo mba hananan'izy ireo hery hanoherana ny fanahy ratsy rehefa niteny izy ireo hoe: "Amin'ny alalan'i Jesosy izay nambaran'i Paoly, mandidy anao aho mba hivoaka." [14]Ny mpisoronabe Jiosy mitondra ny anarany hoe Skeva ary nanan-janaka fito lahy no nanao izany.
[15]Nisy fanahy ratsy namaly azy ireo hoe: "Fantatro Jesosy, ary fantatro Paoly; fa iza ianareo?" [16]Ny fanahy ratsy tao amin'ilay lehilahy dia niantsampy tamin'ireo mpanala devoly ary nitsoaka tao amin'ilay trano nitanjaka sy naratra. [17]Lasa fantatry ny rehetra izany, sy ireo Jiosy sy ireo Jentilisa, izay nipetraka tany Efesosy. Lasa natahotra mafy izy ireo, ka ny anaran'ny Tompo Jesosy dia nomem-boninahitra.
[18]Ary koa, maro tamin'ireo mpino no nanatona sy nibebaka ary niaiky ireo zavatra ratsy izay vitan'izy ireo. [19]Maro ireo nilalao ody no niara-nitondra ny bokin'izy ireo sy nandoro izany teo imason'ny tsirairay. Rehefa nanisa ny tombam-bidin'ireny izy ireo, dia farantsa volafotsy dimy alina izany. [20]Ka niely fatratra tamin'ny fomba matanjaka ny tenin'ny Tompo.
[21]Ary rehefa nahavita ny asa fanompoany tany Efesiosy i Paoly, dia nanapa-kevitra tamin'ny fanahy izy mba handalo an'i Makedonia sy Akaia teny an-dalany mankany Jerosalema, hoy izy: "Rehefa avy any aho, dia tsy maintsy mankany Roma ihany koa." [22]Paoly nandefa roa tamin'ireo mpanampy azy ho any Makedonia, i Timoty sy Erasto, izay nanampy azy. Fa izy tenany nijanona fotoana fohy tany Asia.
[23]Tamin'izany fotoana izany tany Efesosy dia nisy fanelingelenana lehibe mikasika ny Làlana. [24]Fa nisy mpanefy volafotsy iray antsoina hoe Demetrio, izay nanao ny sary sikotra volafotsin'i Diana, nampiditra vola be ho an'ireo mpanao asa-tànana. [25]Ka nangoniny niaraka ireo lehilahy miandraikitra an'io asa io ary niteny hoe: "Tompoko, fantatrao fa amin'ity raharaha ity dia mahazo vola be izahay.
[26]Hitanao sy renao izany, tsy tany Efesisosy ihany, fa saika manerana an'i Asia iray manontolo, io Paoly io dia nandresy lahatra sy nahataona olona maro. Milaza izy fa tsy misy andriamanitra vita tamin'ny tànana. [27]Fa ny loza dia tsy hoe ny varotsika ihany no tsy ho ilaina intsony, fa ny tempolin'ny andriamanim-bavy lehibe Diana ihany koa dia azo heverina ho tsy misy dikany. Dia mety ho very voninahitra izy avy eo, izy izay tompoin'ny Asia rehetra sy izao tontolo izao."
[28]Rehefa nandre izany izy ireo, dia feno hatezerana izy ireo ka nihiaka mafy, nanao hoe: "Lehibe i Diana an'i Efesiosy."
[29]Feno fifanjevona tao amin'ny tanàna iray manontolo, ary niara-nifanaretsaka ho ao amin'ny trano fanaovana fampisehoana an-tsehatra ny vahoaka. Voasambotr'izy ireo ireo mpiara-dia tamin'i Paoly, Gaio sy Aristarko, izay avy any Makedonia.
[30]Te hiditra tao amin'ireo vahoaka maro i Paoly, fa nosakanan'ireo mpianatra izy. [31]Ary ihany koa, ny sasany tamin'ireo manam-pahefana tao amin'ny faritr'i Asia izay namany dia nandefa hafatra nangataka azy mafy tsy hiditra ao amin'ny trano fanaovana fampisehoana an-tsehatra. [32]Olona sasan-tsasany no nihiaka zavatra iray, ary ny an'ny sasany hafa, satria tao anaty fifanjevoana ny vahoaka. Ny ankamaroan'izy ireo aza tsy mahafantatra akory hoe nahoana izy ireo no niara-tonga.
[33]Ny sasany tamin'ireo vahoaka no nampahafantatra an'i Aleksandra, izay natosik'ireo vahoaka ho eny aloha, ka nanao fihetsika tamin'ny tanany i Aleksandra, te hanome fanazavana ho an'ireo izay nivory. [34]Fa rehefa nahafantatra izy ireo fa Jiosy izy, dia nihiaka mafy tamin'ny feo iray izy rehetra teo ho eo amin'ny ora roa, nanao hoe: "Lehibe ny Artemisin'ny Efesiana."
[35]Rehefa nampangiana ny vahoaka ny lehiben'ny tanàna, dia niteny izy hoe: "Ianao olon'ny Efesiosy, olona iza no teo ka tsy nahafantatra fa ny tanànan'ny Efesiana dia mpiambina ny tempolin'ny Diana lehibe sy ny sary izay nilatsaka avy any an-danitra? [36]Ary hita avy eo fa tsy azo lavina ireo zavatra ireo, dia tokony hangina ianareo ka tsy hanao na inona na inona tsy am-piheverana. [37]Fa nentinareo ety amin'ny fitsarana ireo lehilahy ireo izay sady tsy mpandroba tempoly no tsy mpiteny ratsy ny andriamanim-bavintsika.
[38]Noho izany, raha manana fiampangana manohitra ny tsirairay i Demetrio sy ireo mpanao asa tanana izay miaraka aminy, dia misokatra ireo fitsarana ary misy solontena ao. Avelao izy ireo hifampiampanga. [39]Fa raha mitady zavatra momba ny olana hafa ianareo, dia tokony ho hatsangana amin'ny fivoariana ara-dalàna izany. [40]Fa indrindra isika dia

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tandindomin-doza ho voampanga mikasika an'io androm'ny tabataba io. Tsy misy antony izany fikorontanana izany, ary tsy ho afaka hanazava izany isika." [41]Rehefa niteny izany izy, dia noravainy ny fivoriana.

20 [1]Rehefa tapitra ny tabataba, namory ireo mpianatra i Paoly ary nampahery azy ireo avy eo, nanao veloma izy ary lasa mba handeha ho any Makedonia. [2]Rehefa nandeha teny amin'ireo faritra ireo izy sy nanao teny fankaherezana maro azy ireo, dia tonga tany Gresia izy. [3]Rehefa avy nijanona telo volana tao izy, nisy teti-dratsy noforonin'ireo Jiosy hanoherana azy raha izy handeha hiantsambo ho any Syria iny, ka nanapa-kevitra ny hiverina ho any Makedonia izy.
[4]Nanaraka azy hatrany Asia lavitra any i Sopatera zanaka lahin'i Pyro avy any Beria; Aristarko sy Sekondo, samy avy amin'ireo mpino Tesalonika; Gayo avy any Derbe; Tymoty, ary Tykiko sy Trofimo avy any Asia. [5]Fa ireo lehilahy ireo efa nialoha anay ary niandry anay tany Troasy. [6]Niondrana an-tsambo niala tao Filipy izahay taorian'ny andro fihinanana mofo tsy masira, ary tao anatin'ny dimy andro dia tonga tany amin'izy ireo tany Troasy izahay. Ary nitoetra tao izahay nandritra ny fito andro.
[7]Tamin'ny andro voalohan'ny herinandro, rehefa niangona niaraka mba hanapaka ny mofo izahay, dia niresaka tamin'ireo mpino i Paoly. Izy dia nikasa handeha ny ampitson'iny, ka tsy nanohy niresaka hatramin'ny sasakalina izy.
[8]Nisy jiro maro tao amin'ny efitra ambony izay nahatongavanay niaraka.
[9]Teo amin'ny varavarankely no nipetraka ity tovolahy nantsoina hoe Eotika, izay tafalatsaka tao anaty torimaso lalina. Raha niresaka naharitra kokoa i Paoly, io tovolahy io, dia mbola natory, tafalatsaka avy eny amin'ny rihana fahatelo ary nony narenina izy dia hita fa efa maty. [10]Fa i Paoly nidina, naninjitra ny tenany teo aminy, ary namihina azy. Avy eo izy niteny hoe: "Aza malahelo intsony, fa velona izy."
[11]Dia niakatra indray izy avy eo ary nanapaka ny mofo sy nihinana. Rehefa avy niresaka ela tamin'izy ireo hatramin'ny mangiran-dratsy izy, dia nandeha. [12]Nitondra ilay tovolahy efa velona niverina izy ireo ary tena faly dia faly.
[13]Isika mihitsy no nandeha nialohan'i Paoly tamin'ny sambo ary niantsambo ho any Aso, fa any no kasainay handraisana an'i Paoly. Izany no faniriany izy tenany ho atao, satria naniry handeha an-tanety izy. [14]Rehefa nihaona taminay tany Aso izy, dia nentinay tamin'ny sambo izy ka nankany Mitylena.
[15]Avy eo niantsambo avy teo izahay ary tonga tao amin'ny tandrifin'ny nosin'i Kio ny ampitso. Ny andro manaraka dia niantsona tao amin'ny nosin'ny Samo izahay, ary ny ampitson'iny dia tonga tao amin'ny tanànan'i Mileto. [16]Fa Paoly nanapa-kevitra ny hiantsambo handalo an'i Efesosy, mba tsy handany fotoana ela any Asia izy; satria izy dia maika ny ho any Jerosalema ny androm'ny Pentekosta, raha azony atao ny manao izany.
[17]Avy any Mileto no nandefasany lehilahy ho any Efesosy ary nampiantso ny loholon'ny fiangonana hankeo aminy.
[18]Rehefa tonga tao aminy izy ireo, dia niteny tamin'izy ireo izy hoe: "Ianareo tenanareo mahafantatra, hatramin'ny andro voalohany nanitsahako an'i Asia, hoe toy ny ahoana no nandaniako ny fotoanako niaraka taminareo. [19]Izaho dia nanompo hatrany ny Tompo tamin'ny fanetre-tena rehetra sy ranomaso, ary tao anaty fijaliana no nitranga tamiko izany nohon'ny teti-dratsin'ireo Jiosy. [20]Ianareo dia mahafantatra fa tsy nitazona fahanginana tamin'ny fanambarana taminareo ireo rehetra izay nilaina aho, sy ny fomba nampianarako anareo teo imason'olona ary tamin'ny isan-trano, [21]nijoroako vavolombelona teo amin'ireo Jiosy sy ireo Jentilisa momba ny fibebahana amin'Andriamanitra sy ny finoana ao amin'ny Jesosy Tompontsika.
[22]Indro ankehitriny, ho any Jerosalema aho, noteren'ny Fanahy Masina ka tsy mahalala izay hahazo ahy any, [23]afa-tsy izay hampitandreman'ny Fanahy Masina ahy isaky ny tanàn-dehibe amin'ireo famatorana sy fijaliana izay miandry ahy. [24]Fa izaho dia tsy mihevitra ny fiainako hoe sarobidy amin'ny tenako, raha tsy hoe hahavita ny hazakazako sy ny asa fanompoko izay noraisiko avy amin'Jesosy Tompo aho, hanambara ny filazantsaran'ny fahasoavan' Andriamanitra.
[25]Ary indro ankehitriny, fantatro fa ianareo rehetra, izay nanambarako ny fanjakana, no tsy hahita ny tarehiko intsony.
[26]Noho izany ambarako aminareo amin'ity andro ity, fa izaho dia tsy manan-tsiny amin'ny ràn'ny olona. [27]Fa tsy nafeniko taminareo ny fanambarana ny sitrapon'Andriamanitra rehetra.
[28]Noho izany tandremo ny momban'ny tenanareo, sy ny momban'ireo ondry rehetra izay nampiandraketan'ny Fanahy Masina anareo. Mitandrema amin'ny mpiandry ondrin'ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiany tamin'ny ràny manokana.[1] [29]Fantatro fa aorian'ny fandehanako, dia ho avy eo aminareo ireo amboadia masika ary tsy hiantra an'ireo ondry. [30]Fantatro fa na dia avy aminareo aza dia hisy olona ho avy ary hanova ny marina mba hitarika ireo mpianatra hanaraka azy ireo.
[31]Koa miambena. Tsarovy fa nandritry ny telo taona aho no tsy nijanona nampianatra ny tsirairay avy aminareo andro aman'alina tamin'ny ranomaso. [32]Ankehitriny ankiniko amin'Andriamanitra sy amin'ny tenin'ny fahasoavany ianareo, izay afaka manangana sy manome anareo ny lova eo amin'ireo rehetra izay nohamasinina.
[33]Tsy nitsiriritra volafotsy, volamena, na lamban'olona aho. [34]Ianareo tenanareo no mahafantatra fa ireto tanana ireto no nanolotra izay nilaiko ary ireo nilain'ireo izay niaraka tamiko. [35]Tamin'ny zava-drehetra no nanomezako ohatra anareo ny fomba tokony hanampinareo ireo malemy amin'ny alalan'ny asa, ary ny fomba hitadidianareo ireo tenin'i Tompo Jesosy, teny izay nambarany izy tenany hoe: "Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray."
[36]Rehefa avy niteny toy izany izy, dia nandohalika ary nivavaka niaraka tamin'izy rehetra. [37]Nisy fitomaniana be teo ary namihina an'i Paoly sy nanoroka azy izy ireo. [38]Nalahelo ny maro tamin'izy ireo noho izay noteneniny, hoe: izy ireo dia tsy hahita ny tavany intsony. Avy eo nanatitra azy teny amin'ny sambo izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

¹Fanamarihana: raha toa ka "Tamin'ny ràny manokana" ny amin'ny antonta-taratasy fahiny dia mivaky hoe: "Tamin'ny ràn'ny zanaka lahiny manokana."

21 [1]Rehefa niala teo amin'izy ireo izahay dia niantsambo, ary nizotra lala-mahitsy nankany amin'ny tanànan'i Kosy, nankany amin'ny tanànan'i Rody ny andro manaraka, ary avy ao dia nankany amin'ny tanànan'i Patara. [2]Rehefa nahita sambo niampita nankany Foinika izahay, dia niditra tao izahay ka niantsambo.
[3]Rehefa avy nahita an'i Kyprosy, dia namela izany teny ampitan'ny sambo, niantsambo ho any Syria izahay ary niantsona tao Tyro, toerana izay namoahan'ireo tantsambo ny entana tao anaty sambo. [4]Raha vao nahita an'ireo mpianatra izahay, dia nijanona tany nandritra ny fito andro. Tamin'ny alalan'ny Fanahy dia nandresy lahatra an'i Paoly hatrany izy ireo mba tsy handeha ho any Jerosalema.
[5]Rehefa tapitra ny andronay teny, dia niala tao izahay ka nandeha tamin'ny làlanay, ary izy rehetra, niaraka tamin'ireo vady aman-janany, nanaraka nivoaka tao amin'ny tanàna. Ary nandohalika teny amorn-dranomasina dia nivavaka [6]ary nifanao veloma. Dia niditra tao an-tsambo izahay, ary izy ireo niverina tany an-tranony.
[7]Rehefa vitanay ny dia tany Tyro, dia tonga tany Ptolemaisy izahay. Tany dia nihaona tamin'ireo rahalahy ary nijanona iray andro niaraka tamin'izy ireo. [8]Ny ampitso dia niala tao izahay ary nandeha tany Sezarea. Niditra ny tranon'i Filipo isika, evanjelista, izay iray tamin'ireo fito, ary nijanona niaraka taminy izahay. [9]Ankehitriny io lehilahy io dia nanan-janaka vavy virjiny efatra izay naminany.
[10]Rehefa nijanona tao nandritry ny andro maromaro izahay, dia nisy mpaminany anankiray nidina avy tany Jodia nantsoina hoe Agabo. [11]Nanatona anay ary naka ny fehikibon'i Paoly izy. Tamin'iny no namatorany ny tongony sy ny tanany ary niteny hoe: "Hoy ny Fanahy Masina, 'dia ho toy izao no hamatoran' ireo Jiosy any Jerosalema ny lehilahy izay tompon'ity fehin-kibo ity, ary hanolotra azy eo an-tanan'ireo Jentilisa.'"
[12]Rehefa naheno izany zavatra izany izahay, dia izahay sy ireo olona monina tao amin'io toerana io dia niangavy tamin'i Paoly tsy hiakatra ho any Jerosalema. [13]Ary namaly i Paoly nanao hoe: "Inona no ataonareo, mitomany sy mandratra ny foko? Izaho efa vonona, tsy hoe hofatorana fotsiny ihany, fa ho faty any Jerosalema ihany koa amin'ny anaran'i Tompo Jesosy." [14]Satria tsy naniry ny horesen-dahatra i Paoly, dia nijanona nanandrana izahay ary niteny hoe: "Aoka ho tanteraka ny sitra-pon'ny Tompo."
[15]Tao aorian'ireo andro ireo, dia nitondra ny kitaponay izahay ka niakatra nankany Jerosalema. [16]Dia nisy ireo mpianatra sasany ihany koa avy any Sezarea nanaraka anay. Nitondra lehilahy iray niaraka taminízy ireo izay nantsoina hoe Menasona, lehilahy avy any Sipra, mpianatra mainty molaly, izay tokony hiarahanay mitoetra.
[17]Rehefa tonga tany Jerosalema izahay, dia nandray anay am-pifaliana ireo rahalahy. [18]Ny ampitso dia nanaraka anay i Paoly ho any amin'i Jakoba, ary teo daholo ireo loholona rehetra. [19]Rehefa avy niarahaba azy ireo izy, dia nitatitra tsirairay ireo zavatra rehetra izay efa nataon'Andriamanitra tamin'ireo Jentilisa tamin'ny alalan'ny asa fanompoany.
[20]Rehefa nandre izany izy ireo, dia nidera an'Andriamanitra, ary niteny taminy hoe: "Hitanao, ry rahalahy, an'arivony firy no nino tamin'ireo Jiosy. Tapa-kevitra izy rehetra hitandrina ny lalàna. [21]Efa nolazan'izy ireo ny momba anao, fa ianao dia mampianatra ireo Jiosy rehetra izay mipetraka eo amin'ireo Jentilisa hahafoy an'i Mosesy, ary ianao milaza azy ireo tsy hamora ny zanany, ary tsy hanaraka ny fomba taloha.
[22]Inona no tokony ho hataontsika? Ho ren'izy ireo tokoa fa tonga ianao. [23]Koa ataovy izay lazainay anao. Manana lehilahy efatra izay nanao voady izahay. [24]Ento ireo lehilahy ireo ary diovy miaraka amin'izy ireo ny tenanareo, ary haloavy ireo fandanian'izy ireo, mba hanaratra ny lohany izy ireo. Ka ho fantatry ny olona rehetra fa ireo zavatra izay nolazaina momba anareo dia diso. Ho fantatr'izy ireo fa ianao dia manaraka lalàna ihany koa.
[25]Fa mikasika ireo Jentilisa izay nino, izahay dia nanoratra sy nanome torolalana fa tokony hitandrina ny tenany amin'ny zavatra vita sorona ho an'ny sampy izy ireo, avy amin'ny rà, avy amin'izay nokendaina, sy avy amin'ny fijangajangana.
[26]Avy eo dia nalain'i Paoly ireo lehilahy, ary ny ampitso, izy nanadio ny tenany niaraka tamin'izy ireo, niditra tao an-tempoly, nanambara ny vanim-potoanan'ny andron'ny fanadiovana, mandra-panatitra ny fanatitra ho an'ny olona tsirairay tamin'izy ireo.
[27]Rehefa ho tapitra ireo andro fito, ireo Jiosy sasantsasany avy any Asia, nahita an'i Paoly tao an-tempoly, nampikorontana ireo vahoaka manontolo, ary nisambotra azy. [28]Nitabataba izy ireo hoe: "Ry olon'Israely, ampio izahay". Io ilay lehilahy izay mampianatra ny olona rehetra hatraiza hatraiza ireo zavatra izay manohitra ny olona, ny lalàna, ary ity toerana ity. Fanampin'izany, nitondra Grika tao an-tempoly ihany koa izy ary nandoto an'ity toerana masina ity. [29]"Fa izy ireo teo aloha nahita an'i Trofima izay Efezianina niaraka taminy tao an-tanàna, ary nieritreritra izy ireo fa i Paoly no nitondra azy tao an-tempoly.
[30]Nifanaritaka ny tanàna rehetra, ary niaraka nihazakazaka sy nisambotra an'i Paoly ny olona. Nisintona azy hivoaka ao amin'ny tempoly izy ireo, dia nakatona teo noho eo ny varavarana. [31]Raha teo am-pamonoana azy izy ireo, dia nisy vaovao tonga tany amin'ny kapitenin'ny mpiambina fa mikorontana avokoa Jerosalema iray manontolo.
[32]Avy hatrany dia naka miaramila sy kapiteny izy ary nihazakaza nidina nankany amin'ireo vahoaka. Rehefa nahita ny kapiteny sy ireo miaramila ny vahoaka, dia nijanona nikapoka an'i Paoly izy ireo. [33]Dia nanatona ilay kapiteny ary nisambotra an'i Paoly, ary nasainy nofatorana tamin'ny rojo vy roa izy. Dia nanontany izy hoe iza izy ary inona no nataony.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[34]Ny sasany tamin'ireo vahoaka nitabataba zavatra iray ary ireo hafa zavatra hafa. Satria tsy afaka niteny na inona na inona ny kapiteny noho ny tabataba rehetra, dia nasainy nentina ho any amin'ny rova i Paoly. [35]Rehefa tonga teo amin'ny tohatra izy, dia nentin'ireo miaramila izy noho ny herisetran'ny vahoaka. [36]Fa nanaraka tao aoriana ny vahoaka be ary nanohy nihorakoraka hoe: "Vonoy izy"
[37]Raha iny ho entina tao an-drova iny i Paoly, dia hoy izy tamin'ny kapiteny: "Afaka miteny zavatra aminao ve aho?" Hoy ilay kapiteny hoe: "Miteny Grika ve ianao? [38]Tsy ianao ve ilay Egyptiana, izay nitarika fikomiana tany aloha ary nitarika ireo efatra arivo lahy an'ny 'mpamono olona' nivoaka avy tany an-tany efitra?"
[39]I Paoly dia niteny hoe: "Izaho dia Jiosy, avy any amin'ny tanàn'i Tarsosy any Kiliaka. Izaho dia olom-pirenen'ny tanàna manan-danja. Mangataka aminao aho, avelao aho hiteny amin'ny olona". [40]Rehefa namela azy hiteny ilay kapiteny, dia nitsangana teo amin'ny tohatra i Paoly ary nanao fihetsika tamin'ny tànany tamin'ny vahoaka. Rehefa nisy fahanginana lalina, dia niresaka tamin'izy ireo tamin'ny fiteny Hebreo izy. Hoy izy:

22 [1]"Ry rahalahy sy ry ray, henoy ny fiarovako izay hataoko aminareo ankehitriny." [2]Rehefa nandre an'i Paoly niteny tamin'ny teny Hebreo ireo vahoaka, dia lasa nangina izy ireo. Hoy izy hoe:
[3]"Jiosy aho, teraka tany Tarsosy any Kilikia, fa nobeazina teto amin' ity tanàna ity teo amin'ny tongotr'i Gamaliela. Nampianarina araka ny fomba hentitry ny lalàn'ireo razantsika aho. Tena mafana fo ho an'Andriamanitra aho, tahaka anareo rehetra amin'izao andro izao. [4]Nanenjika io Làlana io ho amin'ny fahafatesana aho, namatotra sy nanolotra azy ireo ho atao an-trano maizina na lahy na vavy, [5]ary ny mpisorona be sy ireo loholona rehetra afaka mijoro vavolombelona. Naharay taratasy avy any amin'izy ireo aho ho an'ireo rahalahy any Damaskosy, ary nandeha nankany nitondra azy ireo niverina mbola mifatotra hankany Jerosalema mba hanasaziana azy ireo.
[6]Izao no niseho rehefa nandeha ary nanakaiky an'ny Damaskosy aho, ary tamin'ny mitataovovonana teo ho eo dia nisy hazavana lehibe avy any an-danitra nanomboka namiratra nanodidina ahy. [7]Lavo tamin'ny tany aho ary nahare feo niteny tamiko hoe: 'Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy?' [8]Namaly aho hoe: 'Iza moa ianao, Tompoko?' Niteny tamiko Izy hoe: 'Izaho no Jesosin'ny Nazareta, izay enjehinao.'
[9]Ireo izay niaraka tamiko dia nahita ny hazavana, fa izy ireo dia tsy nahafantatra ilay feony izay niteny tamiko. [10]Hoy aho hoe: 'Inona no tokony ataoko, Tompoko?' Ny Tompo niteny tamiko hoe: 'Mitsangàna ary midira any Damaskosy; any no hanambarana anao ny zava-drehetra izay tokony hataonao.' [11]Tsy nahita noho'ny famirapiratan'izany fahazavana izany aho, ary notantanan'ireo izay niaraka tamiko, ka dia tonga tany Damaskosy aho.
[12]Nihaona tamin'ny lehilahy iray nantsoina hoe Ananiasy tany aho, lehilahy matahotra an'Andriamanitra nanaraka ny lalàna ary tsara laza teo amin'ireo Jiosy rehetra izay nipetraka tao. [13]Nanatona ahy izy, nijoro teo anilako, ary niteny hoe: 'Ry rahalahy Saoly, mahiràta.' Tamin'izany ora izany indrindra dia nahita azy aho.
[14]Ary niteny izy hoe: 'Ny Andriamanitr'ireo razantsika dia nifidy anao mba hahalala ny sitrapony, mba hahita ny Iray Marina, ary handre ny feo aloaky ny vavany. [15]Fa ho vavolombelona ho Azy amin'ny olona rehetra momba izay hitanao sy renao ianao. [16]Ary maninona ianao no miandry? Mitsangàna, aoka ho atao batisa, ary diovy ireo fahotanao, miantsoa amin'ny anarany."
[17]Rehefa avy niverina tany Jerosalema aho, ary raha mbola nivavaka tao an-tempoly, dia nahazo tsindrimandry aho.
[18]Nahita Azy aho niteny tamiko hoe: 'Malaky mialà an'i Jerosalema faingana, satria izy ireo tsy hanaiky ny fijoronao vavolombelona momba Ahy.'
[19]Hoy aho: 'Tompo, izy ireo tenany dia mahafantatra fa izaho nanagadra sy nikapoka ireo izay nino Anao tao amin'ny synagoga rehetra. [20]Rehefa nalatsaka ny ràn'i Stefana vavolombelonao, izaho koa dia mba nitsangana teo sy nanaiky, ary niambina ny fitafian'ireo izay namono azy aho.' [21]Fa niteny tamiko Izy hoe: 'Mandehana, satria halefako lavitra an'ireo Jentilisa ianao.'"
[22]Nihaino azy izy ireo mandra-piteniny izany. Dia nihiaka mafy izy ireo ary niteny hoe: "Vonoy hiala eto amin'ny tany ny lehilahy tahaka io, satria tsy mendriky ny ho velona izy." [23]Raha nitabataba izy ireo, nanipy ny akanjony, ary nanipy vovoka tamin'ny rivotra, [24]ny lehiben'ny kapiteny dia nandidy an'i Paoly mba ho entina any amin'ny lapa. Izy nandidy fa tokony hadinina miaraka amin'ny kapoka izy, ka mba izy tenany dia hahalala hoe nahoana izy ireo no nihikiaka nanohitra azy toy izany.
[25]Rehefa namatotra azy tamin'ny kofehy hoditra izy ireo, dia hoy Paoly tamin'ilay kapiteny izay nitsangana teo: "Ara-dalàna ho anareo ve ny manakaravasy lehilahy izay Romana sy tsy mbola notsaraina akory? [26]Rehefa naheno izany ilay kapiteny, dia nankany amin'ny lehiben'ny kapiteny izy ka nilaza azy, niteny hoe: "Inona izao ataonao izao? Fa mponin'ny Romana io lehilahy io."
[27]Nanatona ilay lehiben'ny kapiteny ary niteny taminy hoe: "Teneno ahy, mponina Romana ve ianao?" Paoly namaly hoe: "Eny." [28]Ary namaly ilay lehiben'ny kapiteny hoe: "Tamin'ny vola be fotsiny no nahazoko io zom-pirenena io. Fa Paoly niteny hoe: "Nateraka ho mponin'ny Romana aho." [29]Ary nandao azy teo no ho eo ilay lehilahy izay nametra-panontaniana azy. Natahotra ihany koa ilay lehiben'ny kapiteny, rehefa fantany fa mponina Romana i Paoly, satria izy namatotra azy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[30]Ny ampitso, te hafantatra ny marina momba ireo fanendrikendrehan'ireo Jiosy nanohitra an'i Paoly ny lehiben'ny kapiteny. Ka novahany ireo fatotra ary nibaiko ireo mpisorona be sy ireo filan-kevitra rehetra mba hivory izy. Ary nitondra an'i Paoly nidina izy ary nametraka azy teo afovoan'izy ireo.

23 [1]I Petera dia nijery nivantana tany amin'ireo mpikambana tao amin'ny filan-kevitra ary niteny hoe: "Ry rahalahy, izaho dia efa niaina teo anatrehan'Andriamanitra tamin'ny fieritreretana tsara rehetra mandraka androany." [2]Ny mpisorombe Ananiasy dia nibaiko ireo izay nitsangana teo akaikiny mba hamelezana ny vavany. [3]Avy eo i Paoly niteny azy hoe: "Andriamanitra dia hikapoka anao, ianao ry rindrina voalalotra fotsy. Ianao ve dia mipetraka hitsara ahy amin'ny lalàna, nefa mandidy ahy mba ho kapohina, tsy araka ny lalàna?
[4]Ireo izay nitsangana teo dia niteny hoe: "Izao ve no fomba hanevatevanareo ny mpisoromben'Andriamanitra?" [5]I Paoly niteny hoe: "Tsy nahafantatra aho, ry rahalahy, hoe izy ilay lehiben'ny mpisorombe. Fa efa voasoratra hoe: tsy tokony hiteny ratsy ny mpitondra ny vahoakanao ianao."
[6]Rehefa hitan'i Paoly fa ny sasany tamin'ny filan-kevitra dia Sadoseo ary ny hafa Fariseo, dia niteny mafy tao amin'ny filan-kevitra izy hoe: "Ry rahalahy, Izaho dia Fariseo, zanaka lahin'ireo Fariseo. Izany no izy satria izaho dia manantena tsara ny fitsanganan'ny maty izay hitsarana ahy." [7]Rehefa niteny izany izy, dia nanomboka nisy fifandirana teo amin'ireo Fariseo sy ireo Sadoseso, ary ny vahoaka dia nizara. [8]Fa ireo Sadoseo dia niteny fa tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, tsy misy ireo anjely, ary tsy misy ireo fanahy, nefa ireo Fariseo dia nanaiky an'izy rehetra ireo.
[9]Noho izany dia nisy fitabatabana mafy niseho, ary ny sasany tamin'ireo mpanora-dalànan'ireo Fariseo dia nitsangana ary niady hevitra, niteny hoe: "Izahay dia tsy mahita zavatra diso amin'io lehilahy io. Ahoana raha ny fanahy na ny anjely no niresaka taminy?" [10]Nony nisy fifandirana mafy teo, ny kapiteny mpitarika dia natahotra sao dia hifandrotehan'izy ireo i Paoly, noho izany izy dia nandidy ireo miaramila mba hidina sy haka azy an-keriny any amin'ireo mpikambana ao amin'ny filan-kevitra, ary hitondra azy any an-dapa.
[11]Ny alina manaraka ny Tompo dia nijoro teo anilany ary niteny hoe: "Aza matahotra, fa toy ny nijoroanao vavolombelona momba ahy tany Jerosalema, no tsy maintsy hijoroanao vavolombelona any Roma ihany koa."
[12]Rehefa maraina ny andro, ny Jiosy sasany dia namorona tetika ary nanozona ny tenan'izy ireo miaraka amin'ny fianianana mba tsy hihinana na hisotro na inona na inona ambara-pamonoan'izy ireo an'i Paoly. [13]Mihoatra ny efapolo olona izy ireo izay namorona io tetika io.
[14]Izy ireo dia nandeha tany amin'ireo mpisorombe sy ireo loholona ka niteny hoe: "Izahay dia efa nanao fanozonana lehibe tamin'ny tenanay, mba tsy hihinana na inona na inona ambara-pamonoanay an'i Paoly. [15]Ankehitriny, noho izany, avelao ny filan-kevitra hiteny amin'ny kapiteny mpitarika mba hitondra azy hidina eto aminareo, ary ianareo toy ny hoe hanapa-kevitra amin'ny zava-misy momba azy marina kokoa. Fa ho anay, izahay dia vonona ny hamono azy alohan'ny fahatongavany eto."
[16]Nefa ny zanaka lahin'ny anabavin'i Paoly dia naheno fa teo am-piandrasana ny hamonoana azy izy ireo, noho izany izy dia nandeha ary niditra ny lapa ka niteny tamin'i Paoly. [17]I Paoly dia niantso ny iray tamin'ireo kapiteny ka niteny hoe: "Ento any amin'ny kapiteny mpitarika ity tovolahy ity, fa manana zavatra lazaina aminy izy."
[18]Noho izany ilay kapiteny dia nandray ilay tovolahy ary nitondra azy tany amin'ny kapiteny mpitarika ka niteny hoe: "I Paoly ilay gadra no niantso ahy ho any aminy, ary nangataka ahy mba hitondra ity tovolahy ity ho eto aminao. Manana zavatra ho lazaina aminao izy." [19]Ny kapiteny mpitarika dia naka azy tamin'ny tanana ho any amin'ny toerana mitokana ary nanontany azy hoe: "Inona izany tokony ho lazainao amiko izany?"
[20]Ilay tovolahy niteny hoe: "Ireo jiosy dia efa nanaiky ny hangataka aminao mba hitondra an'i Paoly hidina any amin'ny filan-kevitra rahampitso, toy ny hoe izy ireo dia handeha hanontany ny momba azy marina kokoa. [21]Nefa aza manaiky azy ireo, satria nisy olona mihoatra ny efapolo izay efa vonona ny hamono azy. Niantso ozona ho an'ny tenany izy ireo, mba tsy hihinana na hisotro ambara-pamonoan'izy ireo azy. Fa na dia izao aza dia efa vonona izy ireo, miandry fanekena avy any aminao."
[22]Ka navelan'ilay kapiteny mpifehy handeha ilay tovolahy, taorian'ny nanoroany azy hoe: "Aza miteny na amin'iza na amin'iza hoe niteny ireo zavatra ireo tamiko ianao." [23]Avy eo izy dia niantso ho eo aminy ny roa tamin'ireo kapiteny ka niteny hoe: "Alaivo ny miaramila roanjato izay vonona ny andeha any Kaisaria, sy mpitaingin-tsoavaly fitopolo ihany koa, ary mpitondra lefona roanjato. Handeha ianao amin'ny ora fahatelon'ny alina." [24]Izy ihany koa dia nandidy azy ireo mba hanome biby izay afaka hotaingenan'i Paoly, ary mba hitondra azy soa aman-tsara any amin'i Feliksa ilay governora.
[25]Avy eo dia nanoratra taratasy toy izao izy: [26]"Klaodio Lisia ho an'i Feliksa governora tsara indrindra, arahaba. [27]Io lehilahy io dia nosamborin'ireo Jiosy ary saika novonoin'izy ireo, rehefa tonga teo amin'izy ireo niaraka tamin'ireo miaramila aho dia nanavotra azy, satria nahafantatra aho fa izy dia olom-pirenena Romana.
[28]Izaho dia te hahalala ny antony niampangan'izy ireo azy, noho izany dia nentiko nidina tao amin'ny filan-kevitr'izy ireo izy. [29]Nahafantatra aho fa voapanga tamin'ny ady hevitra mikasika ny lalàn'izy ireo manokana izy, nefa tsy nisy fiampangana nanohitra azy izay mendrika fahafatesana na fanagadrana. [30]Avy eo dia nampafantarina ahy fa nisy tetika hanoherana ilay lehilahy, noho izany dia nandefa azy teo noho eo tany aminao aho, ary nanafatra ireo mpiampanga azy ihany koa mba hitondra ny fanamelohan'izy ireo azy eo anatrehanao. Veloma."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[31]Ka noho izany ireo miaramila dia nankatò ireo baikon'izy ireo. Nalain'izy ireo i Paoly ary nentiny tamin'ny alina tany Antipatria. [32]Ny ampitso, ny ankamaroan'ireo miaramila dia nandao ireo mpitaingin-tsoavaly mba handeha hiaraka aminy fa izy ireo dia niverina tany an-dapa. [33]Rehefa tonga tany Kaisaria ireo mpitaingin-tsoavaly ka nanolotra ny taratasy ho an'ny governora, dia nanolotra an'i Paoly taminy ihany koa.
[34]Rehefa namaky ny taratasy ny governora, dia nanontany ny faritany izay niavian' i Paoly izy. Rehefa fantany fa avy any Kilikia izy, [35]dia niteny hoe: "Izaho dia haheno tanteraka anao rehefa tonga eto ireo mpiampanga anao." Dia nasainy notazomina tao ao amin'ireo foiben'ny fanjakan'i Heroda izy.

24 [1]Taorian'ny dimy andro, Ananiasy ilay mpisorona be, ireo loholona sasany, ary mpikabary antsoina hoe Tertylo dia nandeha tany. Ireo lehilahy ireo dia nitondra fiampangana an'i Paoly teo anoloan'ny governora. [2]Rehefa nitsangana teo anoloan'ny governora i Paoly, dia nanomboka niampanga azy i Tertylo ka niteny tamin'ny governora hoe: "Noho ianao dia manana fiadanana lehibe izahay, ary ny fahitanao dia mitondra fanovana tsara eo amin'ny firenenay; [3]koa am-pankasitrahana tanteraka no handraisanay ny zavatra rehetra izay ataonao, ry Feliksa tsara indrindra.
[4]Mba tsy hitazomako anareo ela loatra, dia mangataka fotoana fohy aminareo aho mba hihaino ahy am-pahatoniana. [5]Fa io lehilahy io dia hitanay fa mpanakorontana ary iray izay nitarika ny Jiosy rehetra manerana izao tontolo izao hikomy. Izy no mpitarika ny sekta Nazareana. [6]Ary izy ihany koa no niezaka ny handoto ny tempoly, ka dia nosamborinay izy.[1]
[7][2][8]Rehefa manontany an'i Paoly mikasika ireny zava-drehetra ireny ianao, dia ho fantatrao ny mikasika ireny fiampangana nataonay momba azy ireny." [3][9]Ireo Jiosy ihany koa dia nanampy trotraka ireny fiampangana ireny, ary nanamafy fa marina avokoa ireny.
[10]Fa rehefa notondroin'ny mpanapaka hiteny i Paoly, dia namaly Paoly hoe: "Fantatro fa ianao dia efa mpitsara teto amin'ity firenena ity nandritry ny taona maro, ka dia faly ny tenako manazava aminao. [11]Ho fantatrao fa tsy mbola nihoatra ny roa ambin'ny folo andro izay no niakarako nidera tany Jerosalema. [12]Rehefa hitan'izy ireo tao an-tempoly aho, dia tsy niady hevitra na tamin'iza na tamin'iza aho, ary tsy namporisika ny vahoaka, na tao amin'ireo synagoga, na tao an-tanàna. [13]Tsy afaka manaporofo aminao ireo fiampangana izay ataony amiko ankehitriny izy ireo.
[14]Saingy izaho manaiky izao aminao, araka ny Fampianarana izay antsoin'izy ireo hoe sekta, dia toy izany koa no hanompoko ny Andriamanitry ny razambentsika. Izaho dia mahatoky amin'ny rehetra izay ao amin'ny lalàna sy ireo voasoratr'ireo mpaminany. [15]Manana ny fahatokisana an'Andriamanitra toy ireo olona ireo aho, fa hisy ny fitsanganan'ny marina sy ny ratsy fanahy amin'ny maty. [16]Noho izany aho dia miezaka mandrakariva mba hanana fisainana madio eo anatrehan'Andriamanitra sy ny olombelona.
[17]Ary taorian'ny taona maro dia tonga aho hitondra fanampiana ho an'ny fireneko sy fanomezana ara-bola. [18]Rehefa vitako izany, nisy Jiosy vitsivitsy avy any Asia nahita ahy tany amin'ny fetin'ny fanadiovana tao amin'ny tempoly, tsy niaraka tamin'ny vahoaka na tabataba. [19]Ireo olona ireo dia tokony ho eo anatrehanareo ankehitriny ka hiteny izay hiampangan' izy ireo ahy, raha manana zavatra izy ireo.
[20]Na koa, ireo olona ireo ihany no tsy tokony hiteny izay hitan'izy ireo tsy mety aty amiko rehefa nitsangana teo anoloan'ny filan-kevitry ny Jiosy aho, [21]raha tsy hoe momba ny zavatra iray izay nihikiako rehefa nijoro teo anivon'izy ireo aho: 'Izany dia mikasika ny fitsanganan'ny maty izay hitsarana ahy eto anatrehanareo androany.'
[22]Ary Feliksa, izay nampahafantarina tsara momba ilay Fampianarana. Izy dia niteny hoe: "Rehefa midina avy any Jerosalema i Lysia mpandidy, dia hanapa-kevitra ny amin'ny raharahanao aho." [23]Avy eo izy nandidy ilay kapiteny fa i Paoly dia tokony hambenana, fa mba hisy fahafahana dia tsy hisy amin'ireo namany ho sakanana amin'ny fanampiana izay zavatra ilainy.
[24]Andro vitsivitsy taorian'izay, dia niverina niaraka tamin'i Drosila vadiny i Feliksa, izay vehivavy Jiosy, ka nalefa ho an'i Paoly izy ary naheno taminy momba ny finoana ao amin'i Kristy Jesosy. [25]Fa rehefa niady hevitra niaraka taminy i Paoly momba ny fahamarinana, fahononan-tena, sy ny fitsarana ho avy, dia lasa raiki-tahotra i Feliksa ka niteny hoe: "Mandehana manomboka izao. Fa rehefa manana fahafahana aho aoriana ao, dia handefa ho anao."
[26]Nandritr'izany fotoana izany ihany, dia nanantena izy fa hanome vola azy i Paoly, noho izany dia nandefa ho azy matetika izy ary niresaka taminy. [27]Fa rehefa afaka roa taona, dia lasa governora nandimby an'i Feliksa i Porsio Festosy, saingy Feliksa te hahazo sitraka tamin'ireo Jiosy, dia navelany ho hambenana ihany i Paoly.

---

[1]Fanamarihana: Ireo antontan-taratasy taloha dia nanampy hoe: "Tianay ho tsaraina araka ny lalànay izy."
[2]Fanamarihana: Ireo antontan-taratasy taloha dia ahitana ao amin'ny andininy faha 7 hoe: "Fa Lysia, mpiandraikitra, tonga ary naka azy an-keriny teo an-tananay."
[3]Fanamarihana: Ireo antontan-taratasy taloha dia nanampy ao amin'ny tapany voalohany amin'ny andininy faha 8 hoe: "Nandefa anay teo aminao."

---

25 [1]Ankehitriny, Festony niditra tao amin'ny faritany, ary telo andro taty aoriana, dia niakatra avy tao Kaisaria izy ho any Jerosalema. [2]Ny lohan'ny mpisorona sy ireo Jiosy manan-kaja dia nitondra fanamelohana hiampangana an'i Paoly, ka namporisika azy [3]sy nangataka taminy izy ireo mba hampidi-doza an'i Paoly_ ka mety hampiantso an'i Paoly ho any Jerosalema Festosy mba afahan'izy ireo mamono azy eny an-dalana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Kanefa Festosy namaly fa gadra ao Kaisaria Paoly, ary izy tenany dia hiverina any tsy ho ela. [5]"Noho izany, ireo izay
afaka," hoy izy: "dia tokony handeha hiaraka aminay ho any. Raha nanao zavatra tsy nety ilay lehilahy, dia tokony
hiampanga azy ianareo."
[6]Festosy dia tsy nijanona nihoatry ny valo na folo andro ary avy eo nidina nankany Kaisaria, ary ny andro manaraka dia
nipetraka teo amin'ny toeran'ny fitsarana izy ary nandidy an'i Paoly mba ho entina any aminy. [7]Rehefa tonga izy, dia
nipetraka teo akaiky teo ireo Jiosy avy any Jerosalema, ary nitondra fiampangana goavana maro izy ireo izay tsy afaka
noporofoin'izy ireo. [8]Niaro-tena Paoly ary niteny hoe: "Tsy nanao zavatra ratsy manohitra ny lalàn'ny Jiosy aho na
manohitra ny tempoly na manohitra an'i Kaisara."
[9]Saingy nitady izay ahazoana ny fankasitrakan'ireo Jiosy i Festosy, ary noho izany dia namaly an'i Paoly izy ka niteny hoe:
"Te-hiakatra ho any Jerosalema ve ianao ary ho tsaraiko momba ireny zavatra tany ireny? [10]Hoy Paoly hoe: "Mitsangana
eto anoloan'ny seza fitsaran'i Kaisara aho izay tsy maintsy hitsarana ahy. Tsy nanao ratsy ny Jiosy aho, araka ny efa
fantatrao tsara.
[11]Kanefa raha nanao ratsy aho ary raha nanao izay mendrika ny fahafatesana, dia tsy mandà ny ho faty. Fa raha tsy misy
ireo fiampangan'izy ireo, dia tsy misy olona afaka mitondra ahy ho any amin'izy ireo. Mangataka an'i Kaisara aho."
[12]Rehefa avy niresaka tamin'ny filan-kevitra Festosy, dia namaly izy hoe: "Nanagataka an'i Kaisara ianao. Any amin'i
Kaisara no handehananao.
[13]Ary taorian'ny andro vitsivitsy, dia tonga tany amin'i Kaisaria i Agripa mpanjaka sy Berenika mba hamangy an'i Festosy.
[14]Taorian'ny naha tao azy nandritry ny andro maro, dia natolotr'i Festosy teo amin'ny mpanjaka ny raharahan'i Paoly;
niteny izy hoe: "Nisy lehilahy iray navelan'i Felix aty toy ny gadra. [15]Rehefa tany Jerosalema aho, dia nitondra
fiampangana ity lehilahy ity taty amiko ireo lohan'ny mpisorona sy ireo loholon'ny Jiosy, ary nangataka teny
fanamelohana ho azy izy ireo. [16]Namaly azy ireo aho fa tsy fomban'ireo Romana ny manolotra olona mialohan'ny
hiatrehany ireo mpiampanga azy sy hananany fahafahana hiaro-tena amin'ireo fiampangana.
[17]Noho izany, rehefa niara-tonga teto izy ireo, dia tsy niandry aho, fa ny andro manaraka dia nipetraka teo amin'ny
sezan'ny fitsarana aho ary nibaiko ny ampidirana ilay lehilahy. [18]Rehefa nitsangana ireo mpiampanga ka nanameloka azy,
dia noheveriko fa tsy nisy goavana ny fampiangana nentin'izy ireo ho azy. [19]Fa kosa, nifamaly izy ireo mahakasika ny
fivavahan'izy ireo manokana sy momba izany Jesosy izay maty izany, izay nambaran'i Paoly fa velona. [20]Tsy azoko antoka
ny fomba hanadihadiana ity tranga ity, ary noho izany dia nanontaniako izy raha vonona ny ho any Jerosalema mba ho
tsaraina any momba ireo fiampangana ireo.
[21]Fa rehefa nangataka ny hijanonana ao am-ponja mba hiandry ny fanapahan-kevitry ny Amperora i Paoly, dia nandidy
azy aho mba ho tazomina ao am-ponja izy mandra-pandefasako azy any amin'i Kaisara." [22]Agripa niresaka tamin'i Festosy
hoe: "Te-handre ity lehilahy ity ihany koa aho." "Rahampitso," hoy Festosy: "Handre azy ianao."
[23]Ka ny andro manaraka, dia tonga niaraka tamin'ny lanonana marobe Agripa sy Berenika; nankao amin'ny efitrano
lehibe niaraka tamin'ireo miaramila mpifehy sy ireo lehilahy manan-kaja teo amin'ny tanàna izy ireo. Rehefa niteny ilay
didy Festosy, dia nentin'izy ireo Paoly. [24]Hoy Festosy hoe: "Agripa mpanjaka, sy ianareo lehilahy rehetra izay miaraka
aminay eto, itanareo ity lehilahy ity; ireo vahoakan'ny Jiosy rehetra nifanaraka tamiko tany Jerosalema sy eto ihany koa,
dia nitaraina tamiko izy ireo fa tsy tokony ho velona intsony izy.
[25]Fantatro fa tsy nanao na inona na inona mendrika ny fahafatesana izy; fa satria nangataka ny Amperora izy, dia
nanapa-kevitra aho ny handefa azy. [26]Saingy tsy misy zavatra manan-danja ho soratako any amin'ny Amperora. Noho
izany antony izany, dia nentiko teo aminareo izy, indrindra aminao, Agripa Mpanjaka, mba afahako manana zavatra ho
sorotana bebe kokoa momba ilay raharaha. [27]Satria toa tsy mety amiko ny mandefa gadra sy tsy milaza izay hiampangana
azy koa.

26 [1]Noho izany Agripa niteny tamin'i Paoly hoe: "Afaka miteny ho an'ny tenanao ianao." Dia naninjitra ny tanany Paoly
ary nanao ny fiarovan-tenany. [2]"Maneho ny tenako toy ny faly aho, ry Agripa mpanjaka, mba hitondra ny zavatra
mahazo ahy eto anoloanao androany manohitra ireo fiampangan'ireo Jiosy rehetra; [3]indrindra, satria ianao efa
matihanina amin'ny fomba amam-panao sy fanontanian'ny Jiosy rehetra. Noho izany dia mangataka anao aho hihaino
ahy am-paharetana.
[4]Marina fa, ireo Jiosy rehetra dia mahafantatra ny fomba fiainako hatramin'ny fahatanorako tany amin'ny fireneko
manokana sy tao Jerosalema. [5]Izy ireo dia nahafantatra ahy hatrany am-boalohany ary tokony hanaiky izy ireo fa Fariseo
fiaina aho, ny hentitra indrindra amin'ny antokon'ny fivavahantsika.
[6]Ary mijoro eto aho mba ho tsaraina satria mitady ny fampanantenana izay nataon'Andriamanitra tamin'ireo razantsika
aho. [7]Fa ity no fampanantenana nantenain'ny fokontsika roambinifolo ho raisina raha nanompo an'Andriamanitra andro
aman'alina tokoa izy ireo. Ho an'izany fanantenana izany, ry Agripa mpanjaka, no hiampangan'ireo Jiosy ahy. [8]Nahoana
ianareo no mihevitra fa tsy azo inoana fa manangana ny maty Andriamanitra?
[9]Nisy fotoana aho nihevitra tamin'ny tenako fa tokony hanao zavatra maro manohitra ny anaran'i Jesosy avy any
Nazareta aho. [10]Nanao izany tany Jerosalema aho. Nanidy maro tamin'ireo mpino tany am-ponja tamin'ny fahefana
noraisiko avy tamin'ireo lohan'ny mpisorona aho, ary rehefa voavono izy ireo, dia nandatsaka ny vatoko hanohitra azy

ireo aho. [11]Nosaziako imbetsaka izy ireo tany amin'ireo synagoga rehetra ary niezaka ny hanery azy ireo mba hiteny ratsy aho. Tezitra mafy tamin'izy ireo aho ary nanenjika azy ireo na dia tany amin'ireo tanàna any ivelany aza.
[12]Raha mbola nanao izany aho, dia nandeha tany Damaskosy niaraka tamin'ny fahefana sy ireo didy avy amin'ireo lohan'ny mpisorona; [13]ary teny an-dalana nankany, tamin'ny mitataovovonana, ry Mpanjaka, dia nahita hazavana avy eny an-danitra aho izay mamiratra noho ny masoandro ary izany dia namiratra nanodidina ahy sy ireo lehilahy izay niara-dia tamiko. [14]Rehefa nianjera tamin'ny tany izahay rehetra, dia nahare feo niresaka tamiko aho izay niteny tamin'ny teny Hebreo hoe: 'Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika Ahy? Sarotra ho anao ny handaka fanindronana.'
[15]Avy eo niteny aho hoe: 'Iza ianao, Tompo ve?' Ny Tompo namaly hoe: 'Izaho no Jesosy izay enjehinao. [16]Ankehitriny miarena ary mitsangana amin'ny tongotrao; satria noho izao antony izao no nisehoako taminao, mba hanendry anao ho mpanompo sy ho vavolombelona mahakasika ireo zavatra izay fantatrao momba Ahy ankehitriny ary ireo zavatra izay hasehoako anao ao aoriana kely; [17]ary hanavotra anao ao amin'ny vahoaka sy ireo Jentilisa izay hanirahako anao aho,
[18]mba hanokatra ny mason'izy ireo ary hampitodika azy ireo hiala amin'ny haizina hankany amin'ny fahazavana ary amin'ny herin'ny Satana hankany amin'Andriamanitra, mba hafahan'izy ireo mandray avy amin'Andriamanitra ny famelan-keloky ny fahotana sy ny lova izay omeko azy ireo izay nohamasinina tamin'ny finoana Ahy.'
[19]Noho izany, ry Agripa mpanjaka, nankatoa ny fahitana avy tany an-danitra aho; [20]fa, ny an'ireo izay tany Damaskosy aloha, ary avy eo tany Jerosalema, ary nanerana ny tanin'ny Jodia rehetra, ary koa tamin'ireo Jentilisa, nanome azy ireo ny hafatra aho fa tokony hibebaka sy hitodika amin'Andriamanitra izy ireo, hanao ny asa mendrika ny fibebahana.
[21]Noho izany antony izany no nisamboran'ireo Jiosy ahy tao an-tempoly sy niezaka hamono ahy.
[22]Nanampy ahy hatramin'izao Andriamanitra, noho izany dia mitsangana aho ary mijoro vavolombelona amin'ny olon-tsotra sy amin'ireo manan-kaja tsy hilaza na inona na inona mihoatra izay nolazain'ireo mpaninany sy Mosesy fa hitranga; [23]fa tsy maintsy hijaly Kristy, ary Izy no ho voalohany hitsangana amin'ireo maty mba hitsangana sy hitory fahazavana ho an'ireo vahoaka Jiosy sy ireo Jentilisa."
[24]Raha vitan'i Paoly ny fiarovan-tenany, dia niteny tamin'ny feo mafy Festosy hoe: "Paoly, very saina ianao; ny fianaranao be loatra no nahatonga anao ho very saina." [25]Fa hoy Paoly hoe: "Tsy very saina aho, ry Festosy tsara indrindra; fa amin'ny fahasahiana aho miteny tenin'ny fahamarinana sy fahamatorana. [26]Fa ny mpanjaka mahafantatra momba izany zavatra izany; ary noho izany, miteny an-kalalahana aminy aho, fa resy lahatra fa tsy nisy tamin'izany nafenina taminy; satria tsy natao tany amin'ny takona izany.
[27]Mino ny mpaminany ve ianao, ry Agripa mpanjaka? Fantatro fa mino ianao." [28]Agripa niteny tamin'i Paoly hoe: "Ao anatin'ny fotoana fohy ve no handresenao lahatra ahy sy hanaovanao ahy ho kristiana?" [29]Hoy Paoly hoe: "Mivavaka amin'Andriamanitra aho, mba na ho ao anatin'ny fotoana fohy na fotoana lava, tsy ianao ihany, fa ireo rehetra izay mandre ahy androany ihany koa, dia hitovy amiko, fa tsy miaraka an'ireny rojo ireny."
[30]Avy eo nitsangana ny mpanjaka, sy ny governora, sy Berenika ihany koa, ary ireo izay nipetraka niaraka tamin'izy ireo;
[31]rehefa nandao ny trano fivoriana izy ireo, dia nifampiresaka ary niteny hoe: "Ity lehilahy ity tsy manao zavatra mendrika ny fahafatesana na famatorana." [32]Hoy Agripa tamin'i Festosy hoe: "Ity lehilahy ity dia afaka nalefa raha tsy nantsoina tany amin'i Kaisara izy."

27 [1]Rehefa tapaka fa tokony hiantsambo ho any Italia izahay, dia napetrak'izy ireo i Paoly sy ireo gadra hafa ho eo ambanin'ny fiahian'ny kapiteny iray antsoina hoe Jolio izay an'ny rezimantan'ny Amperora. [2]Niditra tanaty sambo iray avy any Adramytena izahay, izay hiondrana manaraka ny sisin-tanin'ny Asia. Ka dia nandeha an-dranomasina izahay. Aristarko avy any Tesalonika any Makedonia dia nandeha niaraka taminay.
[3]Ny andro manaraka dia tonga tao amin'ny tanànan'ny Sidona izahay, izay nitondran'i Jolio an'i Paoly tamin'ny hatsaram-panahy ary namela azy handeha ho any amin'ireo namany handray ny fikarakaran'izy ireo. [4]Avy tany izahay no nandeha an-dranomasina ary niantsambo nanaraka ny moron'ny Kyprosy, nanakaiky ny nosy, satria nanohitra anay ny rivotra.
[5]Avy eo niantsambo namakivaky ny ranomasina izahay ary nanakaiky ny sisin-tanin'ny Kilikia sy Pamfilia, tonga tao Myra izahay, tananàn'ny Lykia. [6]Tany, ny kapiteny dia nahita sambo iray avy any Aleksandria izay hiantsambo ho any Italia. Napetrany tao amin'izany izahay.
[7]Rehefa niantsambo niadana nandritry ny andro maro izahay ary ny farany dia tonga tam-pahasahiranana teo akaikin'ny Kinidio, dia tsy namela anay andeha tamin'izany lalana izany intsony ny rivotra, ka dia niantsambo nanaraka ny ilany takon-drivotry ny Kreta izahay, mifanandrify amin'ny Salmona. [8]Nanara-morona tam-pahasahiranana izahay, nandra-pahatonganay tany amin'ny toerana iray antsoina hoe Tsara-fitodian-tsambo, izay akaikin'ny tanànan'ny Lasea.
[9]Ary nandany fotoana betsaka izahay, efa dila ihany koa ny fotoana fifadian-kanin'ireo Jiosy, ary efa lasa nampidi-doza ny miondrana an-tsambo. Ka dia nampitandrina azy ireo Paoly, [10]ary niteny hoe: "Ry lehilahy, hitako fa ity dia izay ho ataontsika ity dia hisy faharatrana sy fatiantoka maro, tsy ho an'ny entana sy ny sambo ihany, fa ho an'ny aintsika koa."
[11]Fa ny kapiteny nanome lanja kokoa ny mpitondra sy ny tompon'ny sambo noho ireo zavatra izay voalazan'i Paoly.
[12]Satria ao amin'ny seranana dia tsy mora raha hijanonana mandritry ny ririnina, dia maro tamin'ireo mpiantsambo no nanoro hevitra ny hiondrana hiala teo, fa ndrao mba afaka hihazo ny tanànan'ny Foiniksa amin'ny fomba rehetra izahay, mba hitoetra any mandritry ny ririnina. Foiniksa dia seranana any Kreta, ary manatrika ny mianavaratra-andrefana sy ny mianatsimo-andrefana izany. [13]Rehefa nanomboka nitsoka malefaka ny rivotra avy any atsimo, dia nihevitra ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tantsambo fa nanana izay nilain'izy ireo. Ka dia nampakatra ny vatofantsika ary niondrana nanaraka an'i Kreta izy ireo, nanakaiky ny moron-dranomasina.
14 Fa afaka fotoana fohy dia nisy tafio-drivotra mahery, nantsoina hoe Eoraklydona, nanomboka namely mafy avy any
amin'ny nosy. 15 Rehefa tratry ny tafiotra ny sambo ary tsy afaka nanohitra ny rivotra intsony, dia tsy maintsy nanome
lalana ny tafiotra izahay ary nentin'ny rivotra teny rehetra teny. 16 Niantsambo nanaraka ny moron'ny nosy kely iray
antsoina hoe Kaoda izahay, ary tamim-pahasahiranana no nahafahanay niaro ny lakana famonjena aina.
17 Rehefa nampiakarin'izy ireo ny lakana famonjena aina, dia nampiasain'izy ireo ny tadin'izany mba hamatorana ny
vatan'ny sambo. Natahotra izy ireo fa tokony handeha ambonin'ny fasika mandrevon'ny Syrtiso, ka dia nalatsak'izy ireo
ny vatofantsiky ny ranomasina ary nandeha ho azy teny. 18 Tratran'ny famelezana mahery vaikan'ny tafiotra izahay hany
ka ny andro manaraka io dia nanomboka nanary ireo entana tany ivelan'ny sambo izy ireo.
19 Tamin'ny andro fahatelo ireo tantsambo dia nanipy ny entan'ny sambo tany ivelan'ny sambo tamin'ny tanan'izy ireo
manokana. 20 Rehefa tsy namiratra taminay nandritry ny andro maro ny masoandro sy ny kintana, ary mbola namely
anay ilay tafiotra lehibe, dia very avokoa ny fanantenana ny hahavoavonjy anay.
21 Rehefa lasa lavitra tsy nisy sakafo izy ireo, dia nitsangana teo amin'ireo tantsambo Paoly avy eo ary niteny hoe: "Ry
lehilahy, tokony nihaino ahy ianareo, ary tsy niondrana avy tany Kreta, ho tratran'izao faharatrana sy fatiantoka izao.
22 Ankehitriny dia mamporisika anareo aho mba hahery, fa tsy hisy fahaverezan'aina eo anivonareo, fa fahaverezan'ny
sambo fotsiny ihany.
23 Fa tamin'ny alina dia nisy anjelin'Andriamanitra izay tompoko, izay tompoiko ihany koa _ nitsangana teo anilako ny
anjeliny 24 ary niteny hoe: 'Aza matahotra, ry Paoly. Tsy maintsy hitsangana eo anatrehan'i Kaisara ianao, ary indro,
Andriamanitra ao amin'ny hatsaram-panahiny no nanome anao ireo rehetra miantsambo miaraka aminao.' 25 Noho izany
mionona, ry lehilahy! Fa mahatoky an'Andriamanitra aho fa hitranga araka izay voalaza tamiko izany. 26 Saingy tsy
maintsy hidona amina nosy maromaro isika."
27 Rehefa tonga ny alina faha-efatra ambin'ny folo, raha natoptopa tetsy sy teroa tao amin'ny ranomasin'ny Adrea izahay,
tokony ho tamin'ny sasak'alina dia nihevitra ireo tantsambo fa nanakaiky tany izy ireo. 28 Dia naka refin-drano izy ireo ary
nahita fa efapolo metatra ny halaliny; taoriana kelin'izany, dia mbola naka refin-drano ihany izy ireo ary nahita fa
telopolo metatra ny halaliny. 29 Natahotra izy ireo sao hidona amin'ireo vato izahay, ka dia nandatsaka vatofantsika efatra
avy ao aoriana izy ireo ary nivavaka mba hiavian'ny maraina tsy ho ela.
30 Ireo tantsambo dia nitady fomba handaozana ny sambo ary nandatsaka ny lakana famonjena aina tany an-
dranomasina, ary nody nandatsaka ny vatofantsika avy teo an-doha-tsambo izy ireo. 31 Fa Paoly niteny tamin'ny kapiteny
sy ireo miaramila hoe: "Raha tsy mijanona anaty sambo ireo lehilahy ireo, tsy ho voavonjy ianareo." 32 Avy eo ireo
miaramila nanapaka ny tadin'ny lakana ka dia namela izany ho rendrika.
33 Rehefa nanomboka nihanazava ny andro, dia namporisika azy rehetra Paoly mba haka sakafo maromaro. Hoy izy hoe:
"Ity andro ity no andro faha-efatra ambiny folo izay hiandrasanareo ary tsy hinananareo; tsy nihinana na inona na inona
ianareo. 34 Noho izany dia mamporisika anareo aho mba hizara sakafo, fa ilaina izany mba hahavelona anareo. Fa tsy hisy
na iray aminareo izay ho very na dia ny singam-bolon-dohany aza." 35 Rehefa avy niteny izany izy, dia naka mofo ary
nisaotra an'Andriamanitra teo imason'ny rehetra. Avy eo izy nizarazara ny mofo ary nanomboka nihinana.
36 Avy eo dia nahery izy rehetra ary naka sakafo ihany koa. 37 Olona 276 izahay no tao anaty sambo. 38 Rehefa nihinana tsara
izy ireo, dia nohamaivanin'izy ireo ny sambo tamin'ny nanarian'izy ireo vary tanaty ranomasina.
39 Rehefa tonga ny andro, dia tsy fantatr'izy ireo ilay tany, fa nahita helon-drano anankiray nisy tora-pasika izy ireo, ary
nifandinika izy ireo raha afaka hitondra ny sambo teny. 40 Ka dia notapahin'izy ireo ireo vatofantsika ary navelan'izy ireo
tany an-dranomasina. Niaraka tamin'izay dia nalatsak'izy ireo ny tady teo amin'ny familiana ary natsangany ny lay ho eo
amin'ny rivotra; ary dia niroso nankeo amin'ny tora-pasika izy ireo. 41 Fa tonga teo amin'ny toerana iray izay nisy
ranomasina nifanapaka izy ireo, ka nidona tamin'ny tany ny sambo. Ary ny loha-sambo dia niraikitra teo ary nijanona tsy
afa-nihetsika, fa ny vodi-sambo kosa nanomboka vaky nohon'ny hahery vaikan'ny onja.
42 Ny tetik'ireo miaramila dia ny hamono ireo gadra mba tsy hisy amin'izy ireo ho afaka andeha hilomano ka hitsoaka. 43 Fa
ilay kapiteny te-hamonjy an'i Paoly, ka dia najanony ny tetik'izy ireo; ary nomeny baiko ireo mahay milomano mba
hilatsaka ivelan'ny sambo aloha ary ho eny an-tanety. 44 Avy eo tokony hanaraka ny ambin'ireo lehilahy, ny sasany
ambony hazo fisaka, ary ny sasany ambony zavatra hafa avy tao amin'ny sambo. Toy izany no nitranga ka ny rehetra
taminay dia tonga soa aman-tsara teny an-tanety.

28 1 Rehefa tonga soa aman-tsara izahay, dia hainay fa ilay tany dia nantsoina hoe Malta. 2 Ireo terantany dia tsy nanome
hatsaram-panahy tsotra taminay fotsiny, fa nandrehitra afo izy ireo ary nampandroso anay rehetra, nohon'ny orana
mikija sy ny hatsiaka.
3 Fa rehefa nanangona kitay hazo sy nametraka izany teo amin'ny afo Paoly, dia nisy menarana nivoaka nohon'ny
hafanana, ary nifatotra tamin'ny tanany. 4 Rehefa nahita ilay biby nihantona teo amin'ny tanany ireo terantany, dia
nifampiresaka izy ireo hoe: "Tena mpamono olona izay nitsoaka avy tany an-dranomasina io lehilahy io, raha ny rariny
dia tsy tokony ho velona izy."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Fa avy eo nanozongozona ilay biby ho anaty afo izy nefa tsy naratra akory. [6]Niandry azy mba ho voan'ny tazo na ho faty tampoka izy ireo. Fa rehefa avy nijery azy maharitra izy ireo ary nahita fa tsy nisy zavatra tsy mahazatra nanjo azy, dia niova hevitra izy ireo ary nilaza fa izy dia andriamanitra.
[7]Ary tamin'ny toerana akaiky teo nisy ireo tany izay an'ilay lehilahy lehiben'ny nosy, lehilahy antsoina hoe Poplio. Nandray anay izy ary nanome sakafo anay tamin'ny hatsaram-panahy nandritry ny telo andro. [8]Ny rain'i Poplio dia nararin'ny tazo sy fivalanan-drà. Rehefa nankany aminy Paoly, dia nivavaka izy, nametraka ny tanany teo aminy, ary nanasitrana azy. [9]Taorian'ny nitrangan'izany, dia nanatona azy avokoa ny ambin'ny vahoaka rehetra izay narary teo amin'ilay nosy ary sitrana. [10]Ny vahoaka ihany koa dia nanome voninahitra anay tamin'ny voninahitra maro. Ary rehefa niomana andeha hiantsambo izahay, dia nanome anay izay nilainay izy ireo.
[11]Afaka telo volana izahay dia nandeha niondrana tamin'ny sambo izay nijanona tao amin'ilay nosy nandritry ny ririnina, sambon'i Aleksandria, misy '"sarikamban'andriamanitra" eo anoloan'ny sambo [12]Ary rehefa tonga tamin'ilay tanànan'i Sirakosa izahay, dia nitoetra tao nandritry ny telo andro.
[13]Niala avy teo izahay no niantsambo ka tonga tany amin'ny tanànan'i Regioma. Ary rehefa afaka iray andro dia nisy rivotra nitsoka avy any atsimo, ka roa andro izahay dia tonga tao amin'ny tanànan'i Potioly. [14]Tao no nahitanay ireo rahalahy sasany ary nanasa anay mba hijanona hiaraka amin'izy ireo mandritry ny fito andro. Tamin'ny alalan'izany no nahatongavanay tany Roma. [15]Avy teny ireo rahalahy, taorian'ny nandrenesan'izy ireo ny momba anay, dia tonga nitsena anay hatrany amin'ny tsenan'i Apio sy ireo tranom-bahiny telo. Rehefa nahita ireo rahalahy Paoly, dia nisaotra an'Andriamanitra izy ary nahazo hery.
[16]Rehefa niditra tao Roma izahay, dia nahazo alalana hiara-hiaina amin'ireo miaramila niambina azy Paoly. [17]Ary rehefa afaka hateloana taorinan'izay dia nampiantso niaraka ireo lehilahy izay mpitarika teo amin'ireo Jiosy ireo i Paoly. Rehefa niaraka tonga izy ireo, dia niteny tamin'izy ireo izy hoe: "Ry rahalahy, na dia tsy nanao zavatra ratsy tamin'ny olona na ny fomban'ireo razantsika aza aho, dia natolotra ho voafonja tany Jerosalema teo an-tanan'ny Romana. [18]Rehefa avy nanadihady ahy izy ireo, dia naniry ny hanafaka ahy, satria tsy nisy antony tokony hanamelohana ahy ho faty.
[19]Fa rehefa nanohitra ny fanirian'izy ireo ny Jiosy, dia voatery aho nampiantso an'i Kaisara, na dia tsy toy ny hoe nitondra fiampangana hanohitra ny fireneko aza. [20]Nohon'ny antsoko, dia, nangataka ny hahita anareo sy hiresaka aminareo aho. Izany dia nohon'ny fahatokisan'Israely momba ny hamatorana ahy amin'ity rojo ity."
[21]Avy eo dia niteny taminy izy ireo hoe: "Tsy mbola naharay ireo taratasy momba anao avy any Jodia izahay, na rahalahy tonga sy nitatitra na niteny zavatra ratsy momba anao. [22]Fa tianay ho re aminao ny eritreritrao momba izany sekta izany, satria fantatray fa efa ratsy laza eny rehetra eny izany.
[23]Rehefa nisafidy andro ho azy izy ireo, dia maro kokoa ireo olona nanantona azy tany amin'ny trano nivahinianany. Nampahafantatra ilay raharaha tamin'izy ireo izy, ary nijoro vavolombelona momban'ny fanjakan'Andriamanitra. Niezaka nandresy lahatra azy ireo ny momba an'i Jesosy izy, na tamin'ny alalan'i Mosesy izany na tamin'ny alalan'ny mpaminany, nanomboka maraina ka hatramin'ny hariva. [24]Ny sasany dia resy lahatra tamin'ireo zavatra izay voalaza, raha tsy nino kosa ireo hafa.
[25]Rehefa tsy nifanaraka izy ireo, dia lasa taorian'ny nanambaran'i Paoly ity teny iray ity hoe: "Ny Fanahy Masina dia niteny tsara ireo razanareo tamin'ny alalan'Isaia mpaminany. [26]Hoy izy hoe: 'Mandehana any amin'ireo vahoaka ireo ary lazao hoe: "Amin'ny fihainoana no handrenesanareo, fa tsy hahatakatra; ary amin'ny fahitana no hahitanareo, fa tsy hahita.
[27]Fa nihadonto ny fon'ireo olona ireo, ary sarotra amin'ny sofin'izy ireo ny handre, ary nanakipy ny masony izy ireo. Fa raha tsy izany dia mety afaka hahita amin'ny masony izy ireo, ary handre amin'ny sofiny, sy hahatakatra amin'ny fony ka hiverina indray, dia hanasitrana azy ireo aho."'
[28]Noho izany, tokony ho fantatrareo fa izany famonjen'Andriamanitra izany dia nalefa tamin'ireo Jentilisy, ary ihaino izy ireo." [29][1]
[30]Paoly dia niaina nandritry ny roa taona maninjitra tao amin'ny tranony nohofaina manokana, ary nandray izay rehetra tonga tao aminy izy. [31]Nanambara ny fanjakan'Andriamanitra izy ary nampianatra ireo zavatra momban'i Tompo Jesosy Kristy tamin'ny fahasahiana rehetra. Ary tsy nisy nanakana izy.

[1]Fanamarihana eny amin'ny farany ambanin'ny pejy: Asa 28: 29- Ny antontan-taratasy sasany dia manana ny andininy. 29 hoe: "Rehefa niteny ireo zavatra ireo izy, dia lasa ny Jiosy. Nisy fifandirana lehibe teo amin'izy ireo."

Romana

1 [1]Paoly, mpanompon'i Jesosy Kristy, dia voaantso ho apostoly, ary voatokana ho mpitory ny filazantsaran' Andriamanitra. [2]Io ilay filazantsara izay efa nampanantenainy mialoha tamin'ny alalan'ireo mpaminaniny tao amin'ny Soratra Masina. [3]Izany dia momban'ny Zanany lahy, izay teraka avy amin'ny taranak'i Davida araka ny nofo.
[4]Tamin'ny fitsanganana tamin'ny maty, dia voambara ho ilay zanaka maherin'Andriamanitra tamin'ny herin'ny Fanahin'ny fahamasinana Izy_ dia Jesosy Kristy Tompontsika. [5]Tamin'ny alalany no nandraisantsika fahasoavana sy ny maha-apostoly amin'ny fankatoavana ny finoana eo amin'ny firenena rehetra, noho ny Anarany. [6]Amin'ireo firenena ireo, ianareo ihany koa dia voaantso ho an'i Jesosy Kristy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Ity taratasy ity dia ho an'ireo rehetra ao Roma, izay malalan'Andriamanitra, izay voaantso ho olo-masina. Ho aminareo anie ny fahasoavana, sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.
[8]Voalohany, isaorako ny Andriamanitro amin'ny alalan'i Jesosy Kristy noho ny aminareo rehetra, satria ny finoanareo dia efa nambara manerana izao tontolo izao. [9]Fa Andriamanitra no vavolombeloko, izay tompoiko ao amin'ny fanahiko ao amin'ny filanzatsaran'ny Zanany, fa tsy mitsahatra miresaka anareo Aminy Aho. [10]Mangataka foana Aho amin'ny vavaka ataoko ny mba ahombiazako amin'ny fomba rehetra araka ny sitrapon'Andriamanitra mba ho tonga aminareo.
[11]Fa izaho dia maniry ny ahita anareo, mba afahako manome fanomezam-panahy sasantsasany ho anareo, mba hampahery anareo. [12]Izany, dia maniry Aho ny mba hifankaherezantsika eto anivontsika, amin'ny alalan'ny finoan'ny tsirairay avy, ny anareo sy ny ahy.
[13]Ankehitriny tsy tiako ianareo tsy ahafantatra, ry rahalahy, hoe matetika aho no manana fikasana hanatona anareo, (nefa Izaho dia voasakana mandrak'ankehitriny), mba hahazoana vokatra eo aminareo, toy ny efa nahazoako ny ambin'ireo Jentilisa ihany koa. [14]Izaho dia mpitrosa amin'ireo Grika sy ireo vahiny, amin'ny hendry sy adala. [15]Noho izany, amiko, dia vonona ihany koa aho hitory ny filazantsara ho anareo izay any Roma.
[16]Fa izaho dia tsy menatra amin'ny filazantsara, fa izany no herin'Andriamanitra ho famonjena ireo rehetra izay mino, ho an'ny Jiosy aloha ary ho an'ny Grika. [17]Fa amin'izany no anehoana ny fahamarinan' Andriamanitra avy amin'ny finoana ho amin'ny finoana, araka izay voasoratra hoe: "Ny marina dia ho velona amin'ny finoana."
[18]Fa ny fahatezeran'Andriamanitra dia naseho avy any an-danitra manohitra ny haratsiam-panahy sy ny tsy fahamarinan'ny olona, izay manakana ny fahamarinana amin'ny alalan'ny tsy fahamarinana. [19]Izany dia satria izay fantatra momban'Andriamanitra dia hitan'izy ireo maso. Fa nohazavain'Andriamanitra izy ireo.
[20]Fa ireo endriny izay tsy hita maso, izay heriny tsy misy fetra sy maha-Andriamanitra Azy, dia hita nazava tsara, nanomboka tamin'ny famoronana izao tontolo izao, tamin'ireo zavatra izay noforonina. Noho izany dia tsy manana fialan-tsiny izy ireo. [21]Izany dia satria, na dia efa nahafantatra ny momban'Andriamanitra aza izy ireo, dia tsy nanome voninahitra amin'ny maha Andriamanitra Azy, na koa nisaotra Azy. Fa kosa, lasa adala tao an-tsainy izy ireo, ary nihamaizina ny fo donton'izy ireo.
[22]Izy ireo dia nilaza azy ireo ho hendry, kanefa dia niha-lasa adala. [23]Ny voninahitran'Andriamanitra tsy mety lo dia natakalon'izy ireo sarin'endrik'olombelona mety lo, vorona, biby manan-tongotra efatra, sy ireo zavatra mikisaka.
[24]Noho izany dia natolotr'Andriamanitra ho amin'ny filan'ny fon'izy ireo ho amin'ny fahalotoana izy ireo, mba ho afa-boninahitra eo amin'izy ireo ihany ny tenan'izy ireo. [25]Izy ireo no nanakalo ny fahamarinan'Andriamanitra tamin'ny lainga, ary izay midera sy manompo ny zava-boary fa tsy ilay Nahary, izay deraina mandrakizay. Amena.
[26]Noho izany, natolotr'Andriamanitra ho amin'ny filàn-dratsy mamoafady izy ireo, fa ireo vehivavin'izy ireo dia nanakalo ireo fifandraisana voajanahary tamin'ireo izay tsy voajanahary. [27]Toy izany koa, ireo lehilahy dia namela ny fifandraisan'izy ireo voajanahary miaraka amin'ny vehivavy ka nampirehetin'ny filàna ara-nofo ho an'ny izy samy izy. Ireo dia lehilahy izay nanao fihetsika mahamenatra miaraka amin'ny lehilahy ary nandray tao amin'izy ireo ny sazy izay mendrika azy ireo nohon'ny fahavetavetan'izy ireo.
[28]Satria tsy nanaiky ny hanana an'Andriamanitra ao amin'ny fieritreretany izy ireo, dia nomeny saina tsy mendrika izy ireo, mba hanaovana ireo zavatra izay tsy mety.
[29]Izy ireo dia feno ny tsy fahamarinana, faharatsiana, fitsiririitana, ary lolompo rehetra. Izy ireo dia feno fialonana, famonoana, fifandirana, fitaka, ary fikasana ratsy. [30]Izy ireo dia mpifosa, mpanendrikendrika, ary mpankahala an'Andriamanitra. Izy ireo dia mahery setra, miavona, ary mirehareha. Izy ireo dia mpamorona zava-dratsy, ary izy ireo dia tsy mankatoa ny ray aman-dreniny. [31]Izy ireo dia tsy manana fahalalana; izy ireo dia tsy azo itokisana, tsy misy fitiavana voajanahary, ary tsy mamindra fo.
[32]Hain'izy ireo ny lalàn'Andriamanitra, fa ireo izay manao zavatra tahaka izany dia mendrika ny fahafatesana. Fa tsy ireo zavatra ireo ihany no ataony, fa manaiky ireo hafa izay manao ireny koa.

2 [1]Noho izany dia tsy manana fialan-tsiny ianao, ry olona, ianao izay mitsara, fa izay itsaranao ny hafa no anamelohanao ny tenenao. Fa ianao izay mitsara dia manao ireo ihany koa. [2]Nefa fantatsika fa ny fitsaran'Andriamanitra dia araka ny marina rehefa mianjera amin'ireo izay manao zavatra tahaka ireo izany.
[3]Fa hevero izao, ry olona, ianao izay mitsara ireo izay manao zavatra tahaka ireo na dia manao tahaka ireny koa aza ianao. Hitsoaka ny fitsaran'Andriamanitra va ianao? [4]Sa hamaivaninao ny haren'ny hatsaram-panahiny, ny fandeferany, ary ny faharetany? Tsy fantatrao va fa ny hatsaram-panahiny dia natao hitarika anao amin'ny fibebahana?
[5]Fa izany dia ho amin'ny halehiben'ny hamafy sy tsy fibebahan'ny fonareo no anangonanareo fahatezarana ho an'ny tenanareo amin'ny andro fahatezerana, izany dia, ny andron'ny fanehoana ny fitsarana marin'Andriamanitra. [6]Hamaly ny olona rehetra amin'ny fatra mitovy amin'ireo nataony Izy:[7]hanome araka ny faharetana, ny asa tsara mitady dera, voninahitra, ny tsy fahafatesana, fiainana mandrakizay Izy.
[8]Fa ho an'ireo izay mitady ho an'ny tenany, izay tsy mankatoa ny marina fa mankatoa ny tsy fahamarinana, dia ho avy ny fahatezerana sy ny ny fasikana. [9]Andriamanitra dia hitondra fahoriana sy fahantrana amin'ny fanahin'ny olona rehetra izay nanao ratsy, amin'ny Jiosy aloha, ary amin'ny Grika ihany koa.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Fa dera, laza, ary fiadanana no ho avy amin'ireo izay manao ny tsara, amin'ny Jiosy aloha, ary amin'ny Grika ihany koa.
[11]Fa tsy misy fiangarana miaraka amin'Andriamanitra. [12]Fa izay rehetra nanota tsy nanana ny lalàna dia ho very tsy manana lalàna ihany koa, ary izay rehetra nanota niaraka tamin'ny fanajana ny lalàna dia ho tsaraina araka ny lalàna.
[13]Fa tsy ireo mpandre ny lalàna no marina eo anatrehan'Andriamanitra, fa ireo izay mampihatra ny lalàna no nohamarinina. [14]Fa ireo jentilisa, izay tsy manana ny lalàna, rehefa manao ny zavatra momban'ny lalàna araky ny voajanahary, dia izy ireo no lalàna ho an'ny tenany, na dia tsy manana ny lalàna aza izy ireo.
[15]Amin'izany no anehoan'izy ireo fa ny asa angatahan'ny lalàna dia voasoratra ao am-pon'izy ireo. Ny fieritreretan'izy ireo ihany koa dia vavolombelona ho azy ireo, ary ny fisainan'izy ireo manokana dia na manameloka na miaro azy ireo amin'ny tenan'izy ireo [16]ary koa amin'Andriamanitra. Izany dia hitranga amin'ny andro izay hitsaran'Andriamanitra ireo tsiambaratelon'ny olona rehetra, araka ny filazantsarako, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.
[17]Fa raha toa ka Jiosy no hiantsoanao ny tenanao ary miankina amin'ny lalàna sy mirehareha ao amin' Andriamanitra, [18]ary mahalala ny sitrapony sy mamantatra izay zavatra tsara indrindra satria nampianarina tamin'ny lalàna ianao; [19]ary raha toa ka resy lahatra ianao fa ny tenanao dia mpitarika ny jamba, fahazavana ho an'ireo izay ao amin'ny aizina,
[20]mpanitsy ny adala, mpampianatra ny zazakely, ary anananao ao amin'ny lalàna ny endriky ny fahalalana sy ny marina, dia ahoana izany no fiantraikan'izany amin'ny fomba hiainanao ny fiainanao?
[21]Ary ianao izay mampianatra ireo sasany, tsy mampianatra ny tenanao va ianao? Ianao izay mitory manohitra ny halatra, mangalatra va ianao? [22]Ianao izay miteny fa tsy tokony hijangajanga, mijangajanga va ianao? Ianao izay mankahala ny sampy, mandroba ireo tempoly va ianao?
[23]Ianao izay faly mirehareha ao amin'ny lalàna, manala-baraka an'Andriamanitra va ianao amin'io fandikanao ny lalàna io? [24]Fa "ny anaran' Andriamanitra dia efa afa-baraka teo amin'ireo Jentilisa noho ianareo," araka izay efa voasoaratra.
[25]Fa mahazo tombony amin'ny famorana tokoa ianareo raha toa ka mankatoa ny lalàna, fa raha mandika ny lalàna ianareo, dia tonga tsy voafora na dia efa voafora aza ianareo. [26]Arak'izany, raha olona tsy voafora no mitandrina izay takian'ny lalàna, tsy hatao ho isan'ny voafora va izy na dia tsy voafora aza? [27]Ary tsy ho helohin'ilay iray izay tsy mifora ara-boajanahary va ianareo raha toa ka mitandrina ny lalàna izy? Izany dia satria manana ny lalàna voasoratra sy ny famoràna ianareo, nefa mbola mandika ny lalàna!
[28]Fa izy dia tsy jiosy amin'ny endrika ivelany fotsiny; na amin'ny famoràna izay miseho amin'ny endrika ivelan'ny nofo fotsiny. [29]Fa izy dia jiosy ao anaty, ary ny famorana izay an'ny fo, ao amin'ny Fanahy, fa tsy ao amin'ny soratra. Ny fiderana ny olona tahaka izany dia tsy avy amin'ny olona fa avy amin'Andriamanitra.

3 [1]Ka inona ary izany no tombon-tsoa ananan'ny Jiosy? Ary inona no tombon-tsoan'ny famoràna? [2]Tsara izany amin'ny fomba rehetra. Voalohany indrindra, ireo Jiosy dia nanankinana ny fanambarana avy amin'Andriamanitra.
[3]Fa ahoana raha tsy nanam-pinoana ireo Jiosy sasany? Ny tsy finoan'izy ireo ve no hahantonga ny fahatokin'Andriamanitra tsy ho tanteraka? [4]Tsy hisy mihitsy anie izany. Fa kosa, avelao ho hita fa marina Andriamanitra, na dia mpandainga aza ny olona tsirairay. Araka ny voasoratra hoe: "Ho aseho amin'ny teninareo fa olo-marina ianareo, ary aseho rehefa tonga amin'ny fitsarana ianareo."
[5]Fa raha toa ny tsy fahamarinantsika no maneho ny fahamarinan'Andriamanitra, inona no azontsika hambara? Afaka milaza ve isika fa tsy marina Andriamanitra amin'ny famoahany ny hatezarany amintsika, sa tsy izany? (Mampiasa lahatenin' olombelona aho.) [6]Tsy hisy mihintsy anie izany! Satria amin'ny fomba ahoana ary no hitsaran' Andriamanitra an'izao tontolo izao?
[7]Fa raha toa ny fahamarinan'Andriamanitra ka manome fiderana betsaka ho Azy amin'ny alalan'ny laingako, dia nahoana ary aho no mbola tsaraina ho mpanota? [8]Fa nahoana no tsy miteny, araka ny tatitra diso izay lazaina fa tenenintsika, ary koa araky ny hamafisin'ny sasany fa notenenintsika hoe: "Avelao izahay hanao ratsy, mba hiavian'ny soa"? Rariny ny fitsarana atao amin'izy ireo.
[9]Koa inona ary? Manome rariny ny tenantsika ve isika? Tsy izany mihitsy. Fa isika dia efa nanameloka ny Jiosy sy ny Grika, izy rehetra, ho mpanota. [10]Izany dia araky ny voasoratra hoe: "Tsy misy olo-marina, na dia iray aza.
[11]Tsy misy na iray aza mahafantatra. Tsy misy na iray aza mitady an'Andriamanitra. [12]Lasa nihataka avokoa izy rehetra. Lasa tsy misy ilàna azy izy rehetra. Tsy misy mba manao ny tsara, tsy misy, na dia iray monja aza.
[13]Ny tendan'izy ireo dia fasana misokatra. Ny lelan'izy ireo dia mamitaka. Ny poizin'ireo bibilava dia ao ambanin'ny molotr'izy ireo. [14]Ny vavan'izy ireo dia feno ozona sy lolom-po.
[15]Ny tongotr'izy ireo dia havanana amin'ny fandatsahan-drà. [16]Ny fanimbana sy ny fijaliana dia eny amin'ny lalan'izy ireo.
[17]Ireny olona ireny dia tsy nahalala ny lalan'ny fiadanana. [18]Tsy mba misy tahotra an'Andriamanitra eo anoloan'ny mason'izy ireo."
[19]Ankehitriny dia fantantsika fa na inona na inona lazain'ny lalàna, dia miantefa any amin'ireo izay ambany lalàna. Izany dia mba hahatonga ny vavan'ny tsirairay hangina, ary mba hahazo valiny avy amin'Andriamanitra izao tontolo izao.
[20]Izany dia satria tsy hisy nofo hohamarinina amin'ny asan'ny lalàna eo imasony. Fa amin'ny alalan'ny lalàna no hiavian'ny fahalalana ny fahotana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Fa ankehitriny dia nampahafantarina ihany koa ny fahamarinan' Andriamanitra tsy amin'ny lalàna. Noporofoin'ny lalàna sy ireo mpaminany, [22]fa izany, no fahamarinan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy ho an'izay rehetra mino. Satria tsy misy fanavahana.
[23]Fa nanota ny olon-drehetra ka tsy manana ny voninahitr'Andriamanitra, [24]ary izy ireo dia hamarinina maimaimpoana amin' ny fahasoavany amin'ny alalan'ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy.
[25]Fa Andriamanitra nanome an'i Kristy Jesosy ho fanatitra amin'ny alalan'ny finoana ny rànу. Natolony ho porofon'ny fahamarinany Kristy, nohon'ny tsy fijereny ny ota tany aloha [26]amin'ny faharetany. Nitranga izany rehetra izany ho fampisehoana ny fahamarinany amin'izao fotoana ankehitriny izao. Izany dia mba hafahany manaporofo fa marina ny tenany, ary mba hanehoana fa Izy dia manamarina ny rehetra noho ny finoana an'i Jesosy.
[27]Aiza ary izany ny fireharehana? Voafafa izany. Fa inona no antony? Amin'ny asa ve? Tsia, fa nohon'ny finoana.
[28]Manapa-kevitra izany isika fa ny olona iray dia hamarinina araky ny finoana tsy misy ireo asan'ny lalàna.
[29]Sa Andriamanitry ny Jiosy irery ihany ve Andriamanitra? Moa ve tsy Andriamanitr'ireo Jentilisa koa Izy? Eny, an'ny Jentilisa koa. [30]Raha, iray tokoa Andriamanitra, dia hohamarininy amin'ny finoana ireo voafora, ary ireo tsy voafora kosa amin'ny alalan'ny finoana.
[31]Foanantsika amin'ny alalan'ny finoana ary ve izany ny lalàna? Tsy hisy mihitsy anie izany! Fa kosa, mankatoa ny lalàna isika.

4 [1]Inona ary no ho lazaintsika fa hitan'i Abrahama, raintsika tany aloha araka ny nofo? [2]Fa raha nohamarinina tamin'ny asa Abrahama, dia nanana antony hireharehana izy, nefa tsy eo anatrehan' Andriamanitra. [3]Fa inona no ambaran'ny Soratra Masina? "Abrahama dia nino an'Andriamanitra, ary nisaina ho fahamarinana izany."
[4]Ary ho an'izay miasa, ny karamany dia tsy isaina ho fahasoavana, fa ho toy izay trosa. [5]Fa ho an'izay tsy miasa kosa nefa mino an'Ilay iray izay manamarina ny mpanohitra an'Andriamanitra, dia isaina ho fahamarinana ny finoany.
[6]Davida ihany koa dia manonona tso-drano amin'ny olona izay isain'Andriamanitra ho marina nefa tsy miasa. [7]Hoy izy hoe: "Sambatra ireo izay voavela ny helony, ary koa ireo izay voasarona ny fahotany. [8]Sambatra izay tsy hisain'ny Tompo heloka."
[9]Amin'ireo voafora ihany ve no hanononana izany tso-drano izany, sa amin'ireo tsy voafora koa? Fa hoy isika hoe: "Ny finoana dia nisain'i Abrahama ho fahamarinana." [10]Koa ahoana ary no nanisana izany? Tamin'i Abrahama efa voafora, sa tamin'izy tsy mbola voafora? Tsy tamin'izy efa voafora fa tamin'izy mbola tsy voafora.
[11]Abrahama dia nandray ny famantaran'ny famoràna. Izany dia mariky ny fahamarinan'ny finoana izay efa nananany raha mbola tsy voafora izy. Ny valin'izany famantarana izany dia lasa rain'izay mino rehetra izy, na dia mbola tsy voafora aza izy ireo. Midika izany fa ny fahamarinana dia ho isaina ho azy ireo. [12]Nidika koa izany fa Abrahama dia lasa rain'ny voafora tsy ho an'ireo izay voafora irery ihany fa ho an'ireo izay manaraka ny dian'ny finoan'i Abrahama raintsika ihany koa talohan'ny tsy mbola naha-voafora azy.
[13]Fa ny fampanantenana tamin'i Abrahama sy ireo taranany fa ho mpandova izao tontolo izao izy dia tsy avy amin'ny alalan'ny lalàna fa avy amin'ny alalan'ny fahamarinan'ny finoana. [14]Fa raha ireo izay miaina amin'ny lalàna no mpandova, dia ho foana ny finoana, ary tsinotsinona ny fampanantenana. [15]Satria ny didy dia mitondra amin'ny fahatezerana, fa any amin'izay tsy misy lalàna, dia tsy misy fandikan-dalàna.
[16]Noho izany antony izany dia miseho amin'ny finoana izany, mba hipetrahan'ny fampanantenana amin'ny fahasoavana ary ho azo antoka amin'ireo taranak'i Abrahama rehetra_ tsy ho an'ireo izay ambanin'ny lalàna ihany, fa ho an'ireo izay mizara ny finoan'i Abrahama ihany koa. Raintsika rehetra izy, [17]araka ny voasoratra hoe: "Nataoko ho rain'ny firenena maro ianao." Teo amin'ny fanatrehan'Ilay nitokiany Abrahama, dia, Andriamanitra izany, izay manome fiainana ireo maty ary miantso ireo zavatra tsy mbola misy mba hisy.
[18]Na dia teo aza ireo zava-mitranga ivelany, dia natoky tanteraka an'Andriamanitra i Abrahama amin'ny ho avy. Ka tonga rain'ny firenena maro izy, araka izay efa voalaza hoe: "Ho tahaka izany ny taranakao." [19]Tsy narefo tamin'ny finoana izy. Fantatr'i Abrahama fa tsy afaka ny hanan-janaka izy (satria efa teo amin'ny zato taona teo izy). Nanaiky ihany koa izy fa ny kibon'i Saraha dia tsy afaka ny hitondra vohoka intsony.
[20]Nefa nohon'ny fampanantenan'Andriamanitra, dia tsy nisalasala tamin'ny tsy finoana i Abrahama. Fa kosa, niha-nahery tamin'ny finoana izy ary nidera an'Andriamanitra. [21]Resy lahatra tanteraka izy fa izay nampanantenain'Andriamanitra, dia afaka tanterahany ihany koa. [22]Noho izany dia nisaina ho azy ho fahamarinana izany.
[23]Ary dia tsy nosoratana ho an'ny tombotsoany irery ihany izany, fa nisaina ho azy izany. [24]Nosoratana ho antsika ihany koa izany, ho an'izay hanisana izany, isika izay mino Azy izay nanangana an'i Jesosy Tompontsika tamin'ny maty. [25]Izy Ilay iray natolotra noho ireo fahotantsika ary natsangana mba hanamarina antsika.

5 [1]Satria nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia manana fiadanana miaraka amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Tompontsika Jesosy Kristy. [2]Amin'ny alalany ihany koa no ananantsika lalana amin'ny finoana mankao amin'izany fahasoavana izay ijoroantsika izany. Miravoravo amin'ny fahatokiana omen'Andriamanitra anay amin'ny ho avy izahay, fahatokiana izay ho zaraintsika ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Tsy amin'izany ihany, fa isika ihany koa dia mifaly ao amin'ny fahoriantsika. Fantantsika fa ny fahoriana dia mamokatra faharetana. [4]Ny faharetana miteraka fankatoavana, ary ny fankatoavana miteraka fahatokiana ho amin'ny hoavy. [5]Izany toky izany dia tsy mandiso fanantenana, satria ny fitiavan'Andriamanitra dia efa narotsaka tao am-pontsika tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina, izay nomena antsika.
[6]Fa raha mbola nalemy isika, dia maty ara-potoana ho an'ny ratsy fanahy Kristy. [7]Fa sarotra ho an'ny olona iray ny ho faty ho an'ny olo-marina. Fa, angamba mety misy olona iray sahy ho faty ho an'ny olona tsara.
[8]Fa Andriamanitra maneho ny fitiavany manokana ho antsika, satria raha mbola mpanota isika, dia maty ho antsika Kristy. [9]Mihoatra noho izany aza, ankehitriny. rehefa nohamarinina tamin'ny ràny isika, dia ho voavonjin'izany amin'ny fahatezeran'Andriamanitra.
[10]Fa raha, mbola fahavalo isika, dia nihavana tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fahafatesan'ny Zanany, ary mihoatra noho izany, rehefa avy nampihavanina, dia ho voavonjy amin'ny alalan'ny ainy isika. [11]Ary tsy izany ihany, fa isika ihany koa dia mifaly ao amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Tompontsika Jesosy Kristy, izay nahazoantsika izany fihavanana izany ankehitriny.
[12]Noho izany ary, toy ny nidiran'ny ota tamin'ny olona iray tamin'izao tontolo izao, dia toy izany koa no nidiran'ny fahafatesana tamin'ny alalan'ny ota. Ary ny fahafatesana dia niely tamin'ny olona rehetra, satria samy nanota avokoa ny rehetra. [13]Nandra-pisian'ny lalàna, dia teto amin'izao tontolo izao ny ota, fa tsy misy fanisan-keloka rehefa tsy misy lalàna.
[14]Nefa na izany aza, ny fahafatesana dia nanjaka nanomboka tamin'i Adama ka hatramin'i Mosesy, na dia teo amin'ireo izay tsy nanota tahaka ny tsy fankatoavan'i Adama aza, izay tandindon'Ilay ho avy. [15]Nefa na izany aza, ny fanomezana dia tsy tahaka ny fahadisoana. Fa raha tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny iray no nahafaty ny maro, dia mihoatra lavitra no nataon'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fanomezana avy amin'ny fahasoavan'Ilay olona iray, Jesosy Kristy, nomena be ho an'ny maro.
[16]Fa ny fanomezana dia tsy tahaka ny vokatra avy amin'ilay iray izay nanota. Fa amin'ny lafiny iray, tonga ny fitsarana ho fanamelohana nohon'ny fahadisoan'ny olona iray. Fa amin'ny lafiny iray hafa, ny fanomezana miafara amin'ny fanamarinana dia tonga taorian'ny fahadisoana maro. [17]Fa raha, tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny iray, no hanjakan'ny fahafatesana amin'ny iray, dia mihoatra lavitra noho izany ny hanjakan'ireo izay mandray ny haben'ny fahasoavana sy ny fanomezan'ny fahamarinana amin'ny alalan'ny fiainan'ilay iray, dia Jesosy Kristy.
[18]Noho izany ary, satria tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny iray no nahatonga ny olona ho amin'ny fanamelohana, dia amin'ny alalan'ny asan'ny fahamarinan'ny iray ihany koa no hatongavan'ny fanamarinana ny fiainana ho an'ny olona rehetra. [19]Fa satria avy amin'ny tsy fankatoavan'ny olona iray no nahatonga ny maro ho mpanota, dia amin'ny alalan'ny fankatoavan'ny iray ihany koa no hahatonga ny maro ho marina.
[20]Fa tonga tao amin'izany ny lalàna, mba ho lehibe ny fahadisoana. Nefa raha nialehibe ny fahotana, dia vao maika nialehibe ny fahasoavana. [21]Nitranga izany mba, tahaka ny nanjakan'ny fahotana tamin'ny fahafatesana, dia toy izany koa no hanjakan'ny fahasoavana amin'ny alalan'ny fahamarinana ho amin'ny fiainana mandrakizay amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika.

6 [1]Inona ary no ho lazaintsika? Tokony hanohy amin'ny fahotana ve isika mba hitomboan'ny fahasoavana? [2]Tsy hisy mihitsy anie izany. Isika izay maty ny amin'ny ota, amin'ny fomba ahoana moa no mbola hiainantsika amin'izany ihany? [3]Tsy fantatrareo ve fa ireo rehetra natao batisa tao amin'i Kristy Jesosy dia natao batisa tao amin'ny fahafatesany?
[4]Koa, voalevina, niaraka taminy tamin'ny alalan'ny batisa ho amin'ny fahafatesana isika. Nitranga izany mba ho toy ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray, no andehanantsika amin'ny fiainam-baovao ihany koa. [5]Fa raha mikambana Aminy amin'ny endriky ny fahafatesany isika, dia hikambana amin'ny fitsanganany ihany koa.
[6]Fantantsika izany, fa ny tenantsika taloha dia nofantsihana niaraka taminy, mba hamotehana ny tenan'ny ota. Nitranga izany mba ho andevozin'ny ota intsony isika. [7]Izy izay maty dia nambara fa marina sady afaka amin'ny fahotana.
[8]Fa raha maty niaraka tamin'i Kristy isika, dia mino fa hiara-belona Aminy ihany koa. [9]Isika dia mahafantatra fa nitsangana tamin'ny maty Kristy, ary tsy maty intsony Izy. Tsy manjaka Aminy intsony ny fahafatesana.
[10]Fa raha ny momba ny fahafatesana dia maty nohon'ny amin'ny fahotana Izy, maty indray mandeha ho an'ny rehetra Izy. Kanefa, ny fiainana izay hiainany dia iainany ho an'Andriamanitra. [11]Dia tahaka izany, tsy maintsy mihevitra ny tenanareo ho efa maty amin'ny fahotana ihany koa ianareo, fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy.
[12]Noho izany aza avela hanjaka ao amin'ny tenanareo mety maty ny ota mba hanarahanareo ny filàn-dratsy. [13]Aza atolotra ho an'ny fahotana ny ratsam-batanareo, ho fitaovana ampiasaina amin'ny tsy fahamarinana. Fa atolory ho an'Andriamanitra ny tenanareo, toy ny nitsangana tamin'ny maty izay velona ankehitriny. Ary atolory ho an'Andriamanitra ny ratsam-batanareo mba ho fitaovana ampiasaina amin'ny fahamarinana. [14]Aza avela hanjaka aminareo ny ota. Satria tsy ambanin'ny lalàna ianareo, fa ambanin'ny fahasoavana.
[15]Ka inona ary? Tokony hanota ve isika satria tsy ambanin'ny lalàna, fa ambanin'ny fahasoavana? Tsy hisy mihitsy anie izany. [16]Tsy fantatrareo ve fa ilay iray izay anoloranareo ny tenanareo ho mpanompo dia ilay iray izay ho hankatoavinareo, ilay hany tsy maintsy hankatoavinareo? Marina izany na mpanompon'ny fahotana izay mitarika any amin'ny fahafatesana ianareo, na mpanompon'ny fankatoavana izay mitarika any amin'ny fahamarinana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Fa isaorana Andriamanitra! Satria efa mpanompon'ny fahotana ianareo, kanefa nankatoa tao am-ponareo ny fomba fampianarana izay nomena anareo. [18]Nafahana tamin'ny ota ianareo, ary natao mpanompon'ny fahamarinana.
[19]Miteny tahaka ny olona aho noho ny fahalemen'ny nofonareo. Satria vantany vao nanolotra ny ratsam-batanareo ho andevon'ny fahalotoana sy ny ratsy ianareo, dia tahaka izany koa izao, atolory ho andevon'ny fahamarinana ho amin'ny fahamasinana ny ratsam-batanareo. [20]Fa fony ianareo andevon'ny ota, dia afaka tamin'ny fahamarinana. [21]Amin'izao, inona ary no vokatra azonareo tamin'ireo zavatra izay mahamenatra anareo ankehitriny? Satria ny vokatr'ireny zavatra ireny dia ny fahafatesana.
[22]Fa ankehitriny rehefa nafahana tamin'ny ota ianareo ary tonga mpanompon'Andriamanitra, dia mijinja ny fahamasinana. Ny vokatra dia ny fiainana mandrakizay. [23]Fa ny tambin'ny ota dia fahafatesana, fa ny fanomezan'Andriamanitra kosa dia ny fiainana mandrakizay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika.

7 [1]Sa tsy fantarareo, ry rahalahy (satria miresaka amin'ny olona mahay ny momba ny lalàna aho), fa ny lalàna dia mibaiko ny olona iray raha mbola velona koa izy?
[2]Fa ny vehivavy izay manambady dia voafatotry ny lalàna amin'ny vadiny raha mbola velona izy, fa raha maty ilay vadiny, dia afaka amin'ny lalàn'ny fanambadiana izy. [3]Noho izany, raha mbola velona ny vadiny, raha toa ka miray amina lehilahy hafa izy, dia ho antsoina hoe mpijangajanga izy. Fa raha maty ilay vadiny, dia afaka amin'ny lalàna izy, ka tsy mpijangajanga izy raha toa ka miray amina lehilahy hafa.
[4]Noho izany, ry rahalahiko, dia natao maty tamin'ny lalàna ihany koa ianareo tamin'ny alalan'ny tenan'i Kristy. Natao izany mba hikambananareo amin'ny hafa, izany hoe, amin'Izy izay natsangana tamin'ny maty, mba hafahantsika mamokatra voa ho an'Andriamanitra. [5]Fa tamintsika tao amin'ny nofo, ireo filàn'ny fahotana, izay nohetsehin'ny lalàna, dia niasa tao amin'ireo ratsantsika mba hamokatra voa ho an'ny fahafatesana.
[6]Fa ankehitriny dia nafahana tamin'ny lalàna isika. Maty tamin'ilay namatotra antsika isika. Izany dia mba hafahantsika manompo amin'ny havaozam-panahy, fa tsy amin'ny fahanteran'ny soratra.
[7]Inona ary no ho lazaintsika? Ny lalàna mihintsy ve no fahotana? Tsy hisy mihitsy anie izany. Kanefa, tsy ho nahalala ny fahotana mihitsy aho, raha tsy tamin'ny alalan'ny lalàna izany. Fa tsy ho nahalala ny fitsiriritana aho raha tsy niteny ny lalàna hoe: "Aza mitsiriritra." [8]Fa naka vahana tamin'ny didy ny fahotana ka nahatonga ny fitsiriritana rehetra ato amiko. Fa raha tsy misy ny lalàna, dia maty ny ota.
[9]Fahiny aho dia velona tsy nisy ny lalàna, fa rehefa tonga ny didy, dia velona indray ny ota, ka maty aho. [10]Ny didy izay tokony hitondra fiainana no nivadika ho fahafatesana ho ahy.
[11]Fa ny fahotana dia naka vahana tamin'ny alalan'ny didy ka namitaka ahy. Tamin'ny alalan'ny didy no namonony ahy.
[12]Noho izany ny lalàna dia masina, ary ny didy dia masina, marina, ary tsara.
[13]Koa moa ve nivadika fahafatesana ho ahy izay tsara? Tsy hisy mihitsy anie izany. Fa ny ota, mba hafahany hiseho ho fahotana amin'ny alalan'izay tsara, dia nitondra fahafatesana tao amiko. Izany dia mba ho amin'ny alalan'ny didy, ny fahotana dia mety ho tonga tena fahotana tokoa. [14]Fa fantatsika fa ara-panahy ny lalàna, fa izaho avy amin'ny nofo. Efa namidy ho ao ambanin'ny fanandevozan'ny ota aho.
[15]Fa ny zavatra ataoko, dia tsy tena azoko tsara. Satria izay tiako atao, dia tsy ataoko, ary izay halako, dia ataoko. [16]Fa raha manao izay tsy tiako aho, dia miray hevitra amin'ny lalàna fa tsara ny lalàna.
[17]Fa ankehitriny dia tsy izaho intsony no manao izany, fa ny fahotana izay velona ato anatiko. [18]Fa fantatro fa ato amiko, izay ato amin'ny nofoko, dia tsy misy zavatra tsara miaina. Fa ny faniriana ny tsara dia ato amiko, saingy tsy afa-manao izany aho.
[19]Fa ny tsara izay tiako dia tsy ataoko, fa ny ratsy izay tsy tiako, no ataoko. [20]Ary raha manao izay tsy tiako atao aho, dia tsy izaho intsony no miasa izany, fa kosa ny fahotana izay miaina ato amiko. [21]Ary, izaho dia nahita, ny fitsipika ato amiko fa te hanao izay tsara aho, saingy ny ratsy no ato amiko izao.
[22]Fa miravoravo ao amin'ny lalàn'Andriamanitra aho amin'ny fanahy maha olona. [23]Kanefa mahita fitsipika iray hafa ao amin'ny momba ny tenako aho. Izany dia miady amin'izany fitsipika vaovao ao an-tsaiko izany. Mihazona ahy ho babon'ny fitsipiky ny fahotana izay ao amin'ny momba ny tenako izany.
[24]Olo-mahantra aho! Iza no hanafaka ahy amin'ity tenan'ny fahafatesana ity? [25]Fa isaorana Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika! Noho izany, izaho tenako dia manompo ny lalàn'Andriamanitra amin'ny saiko. Na dia izany aza, dia manompo ny fitsipikin'ny fahotana amin'ny nofo aho.

8 [1]noho izany dia tsy misy fanamelohana intsony ankehitriny ho an'ireo izay ao amin'i Kristy Jesosy. [2]Fa ny fitsipikin'ny Fanahin'ny fiainana ao amin'i Jesosy Kristy no nanafaka ahy tamin'ny fitsipikin'ny fahotana sy ny fahafatesana.
[3]Fa izay tsy afaka nataon'ny lalàna nohon'ny fahalemen'izany tamin'ny nofo, dia nataon' Andriamanitra. Nandefa ny Zanany lahy tokana Izy tamin'ny endriky ny nofo feno fahotana mba ho fanatitra ho an'ny ota, ary nanameloka ny ota tao amin'ny nofo izy. [4]Nataony izany mba ho tanteraka ao amintsika ny zavatra takian'ny lalàna, isika izay mandeha tsy araka ny nofo, fa araka ny Fanahy. [5]Ireo izay miaina araka ny nofo dia mifantoka amin'ireo zavatry ny nofo, fa ireo izay velona araka ny Fanahy dia mifantoka amin'ireo zavatry ny Fanahy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Satria ny fisainana miorina amin'ny nofo dia fahafatesana, fa ny fisainana miorina amin'ny Fanahy kosa dia fiainana sy fiadanana. [7]Ny fisainana miorina amin'ny nofo dia fandrafiana eo anatrehan' Andriamanitra, fa tsy mifanaraka amin'ny lalàn'Andriamanitra izany, no sady tsy hainy akory ny manao izany. [8]Ireo izay ao amin'ny nofo dia tsy afaka ny ho ankasitrahan'Andriamanitra.
[9]Kanefa, ianareo dia tsy ao amin'ny nofo fa ao amin'ny Fanahy, raha marina fa miaina ao aminareo ny Fanahin'Andriamanitra. Fa raha misy olona tsy manana ny Fanahin'i Kristy, dia tsy Azy izy. [10]Raha ao aminareo Kristy, dia maty nohon'ny fahotana ny vatana, fa ny fanahy dia velona nohon'ny fahamarinana.
[11]Raha ny Fanahin'Ilay nanangana an'i Jesosy tamin'ny maty no velona ao aminareo, dia Izy izay nanangana an'i Kristy tamin'ny maty no hamome fiainana ihany koa ho an'ny tenanareo izay mety maty amin'ny alalan'ny Fanahiny, izay velona ao aminareo.
[12]Noho izany, ry rahalahy, dia mpitrosa isika, fa tsy ao amin'ny nofo mba hiaina araka ny nofo. [13]Fa raha miaina araky ny nofo ianareo, dia ho faty, fa raha amin'ny Fanahy izay amonoanareo ny asan'ny tena, dia ho velona ianareo.
[14]Fa tahaka ireo rehetra voatariky ny Fanahin' Andriamanitra, izy ireo no zanak'Andriamanitra. [15]Fa tsy nandray ny fanahin'ny fanandevozana indray ianareo ka hatahotra. Fa kosa, nandray ny Fanahin'ny fananganan-janaka ianareo, izay hiantsoantsoantsika hoe: "Aba, Ray ô!"
[16]Ny Fanahy mihitsy no vavolombelona amin'ny fanahintsika fa zanak'Andriamanitra isika. [17]Raha zanaka isika, dia mpandova ihany koa, mpandova an'Andriamanitra. Ary mpiray lova ao amin'i Kristy isika, raha tena mijaly miaraka Aminy tokoa isika dia omem-boninahitra miaraka Aminy koa.
[18]Fa ataoko fa ireo fijaliana amin'izao fotoana izao dia tsy mendrika ampitahaina amin'ilay voninahitra izay ho haseho amintsika. [19]Fa ny voahary rehetra izay manantena fatratra dia miandry ny fampisehoana ireo zanak'Andriamanitra.
[20]Fa ny voahary dia natao ho zava-poana, tsy nohon'ny sitrapony manokana, fa noho Ilay nanao izany. Izany dia ao amin'ilay toky nomena [21]fa ireo voahary mihitsy no ho esorina amin'ny fanandevozan'ny fahalòvana, ary hitondra any amin'ny fahafahana ny amin'ny voninahitry ny zanak'Andriamanitra izany. [22]Fa fantatsika fa ny voahary rehetra dia miara-misento sy miara-miasa ao anatin'ny fanaintainana na ankehitriny aza.
[23]Tsy izany ihany, fa na ny tenantsika aza, izay manana ny voaloham-bokatry ny Fanahy_ na ny tenantsika aza dia misento ao anatintsika, miandry ny fananganana antsika ho zanaka, dia ny fanavotana ny tenantsika. [24]Fa tamin'izany toky izany no namonjena antsika. Fa izay atokisantsika fa hitranga dia mbola tsy hita, fa iza no miandry am-patokiana izay efa hitany? [25]Fa raha matoky amin'izay mbola tsy hitantsika isika, dia miandry izany am-paharetana.
[26]Tahaka izany koa, ny Fanahy dia manampy ao amin'ny fahalementsika. Fa isika tsy mahalala izay vavaka tokony ataontsika, fa ny Fanahy mihitsy no mifona ho antsika amin'ny fisentoana tsy hay tenenina. [27]Izy izay mandinika ny fo no mahafantatra ny hevitry ny Fanahy, satria Izy no mifona ho an'ny mpino araka ny sitrapon'Andriamanitra.
[28]Fantatsika fa ho an'ireo izay tia an'Andriamanitra, dia miaraka ampiasainy ho amin'ny tsara avokoa ny zavatra rehetra, [1]ho an'ireo izay voantso araka ny fandaharany. [29]Satria ireo izay fantany mialoha, dia notendreny mialoha ihany koa mba hitovy endrika amin'ny Zanany, mba ho lahimatoa eo anivon'ireo rahalahy maro izy. [30]Ireo izay notendreny mialoha, dia nantsoiny ihany koa. Ireo izay nantsoiny, dia nohamarininy ihany koa. Ireo izay nohamarininy, dia nomeny voninahitra ihany koa.
[31]Inona ary no tokony ho tenenintsika momba ireo zavatra ireo? Raha momba antsika Andriamanitra, iza no mahatohatra antsika? [32]Izy izay tsy niaro ny Zanany lahy tokana fa nanolotra Azy ho antsika rehetra, ahoana no tsy hanomezany antsika maimaimpoana miaraka Aminy ny zava-drehetra ihany koa?
[33]Iza no hitondra fiampangana hanohitra ireo olom-boafidin' Andrimanitra? Andriamanitra no ilay iray izay manamarina izany. [34]Iza ilay iray hanameloka? Kristy no ilay iray maty ho antsika, ary mihoatra izany, natsangana ihany koa Izy. Manapaka miaraka amin'Andriamanitra eo amin'ny fitoeram-boninahitra Izy, ary Izy no ilay mifona ho antsika.
[35]Iza no hanasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana, sa fijaliana, sa fanenjehana, sa hanoanana, sa fitanjahana, sa loza, sa sabatra? [36]Araka ny voasotra hoe: "Noho ianao dia voavono andro lava izahay. Noraisina toy ny ondry ho vonoina izahay."
[37]Ao anatin'izany zavatra rehetra izany dia mihoatra noho ny mpandresy izahay amin'ny alalan'Ilay iray tia anay. [38]Fa resy lahatra aho fa na ny fahafatesana, na ny fiainana, na ireo anjely, na ireo fanjakana, na ireo zavatra ankehitriny, na ireo zavatra ho avy, na ireo hery, [39]na ny avo, na ny lalina, na zavaboary hafa, dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika.

---

[1]Fanamarihana: Raha tokony hoe "Miaraka ampiasainy ho amin'ny tsara avokoa ny zavatra rehetra," dia ny dikan-teny sasany taloha manao hoe: "Ny zavatra rehetra dia miaraka miasa ho amin'ny tsara."

---

9 [1]Milaza ny marina ao amin'i Kristy aho. Tsy mandainga aho, ary ny eritreritro no vavolombelona miaraka amiko ao amin'ny Fanahy Masina, [2]fa ho ahy dia misy alahelo lehibe ary fahoriana tsy mitsahatra ato am-poko.
[3]Fa afaka naniry aho fa izaho tenako dia ho voaozona ka hiataka amin'i Kristy noho ny amin'ireo rahalahiko, ireo izay iray firazanana amiko araka ny nofo. [4]Izy ireo dia Isiraelita. Izy ireo dia manana fananganana, ny voninahitra, ireo fankatoavana, ny fanomezan'ny lalàna, ny fiderana an'Andriamanitra, ary ireo fampanantenana. [5]Ny azy ireo dia ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

razana izay nahatonga an'i Kristy ho tonga nofo, Izy izay Andriamanitra ambonin'ny rehetra. Ho deraina mandrakizay anie Izy. Amena.
[6]Fa tsy foana ireo izay nampanantenain' Andriamanitra. Fa tsy izay rehetra avy any Isiraely no tena an'Isiraely. [7]Na ireo taranak'i Abrahama rehetra no tena zanany. Fa: "Amin'ny alalan'Isaka no hiantsoana ireo taranakao."
[8]Izany hoe, ireo zanaky ny nofo dia tsy zanak' Andriamanitra. Fa ireo zanakin'ny fampanantenana no raisina ho taranaka. [9]Fa toy izao no tenin'ny fampanantenana: "Amin'izany fotoana izany dia ho avy Aho, ary homena zazalahy Saraha."
[10]Tsy izany ihany, fa avy eo koa Rebeka hanan'anaka amin'ny lehilahy iray, Isaka raintsika_ [11]fa mbola tsy teraka akory ireo zaza ary mbola tsy nanao zavatra tsara na ratsy, mba ho toa ny tanjon'Andriamanitra araka ny fisafidianana, tsy noho ireo asa, fa noho Izy izay miantso_ [12]nambara tamin'dravehivavy hoe: "Ny zokiny dia hanompo ny zandriny." [13]Izany dia tahaka izay voasoratra hoe: "Jakoba tiako, fa Esao halako."
[14]Inona ary no ho lazaintsika? Misy tsy fahamarinana ve miaraka amin'Andriamanitra? [15]Tsy hisy mihitsy anie izany. Fa hoy Izy tamin'i Mosesy hoe: "Hamindra fo amin'izay tiako hamindrana fo Aho, ary hangoraka ireo izay tiako hangorahana Aho." [16]Noho izany ary, dia tsy noho izy mikasa izany, na noho izy izay mihazakazaka, fa noho Andriamanitra, izay nampiseho ny famindram-po.
[17]Fa ny Soratra Masina nanambara tamin'i Farao hoe: "Fa noho izany antony izany no nanandratako anao, mba hanehoako aminao ny heriko, ary mba hanambarana ny anarako eran-tany." [18]Noho izany, Andriamanitra dia mamindra fo amin'izay tiany, ary izay tiany, no ho hamafisiny fo.
[19]Avy eo hilaza amiko ianareo hoe: "Nahoana no mbola mahita tsiny foana Izy?" Fa iza no mahatohitra ny sitrapony?"
[20]Mifanohitra amin'izany, ralehilahy, iza moa ianao no mamaly manohitra an'Andriamanitra? Moa izay efa novolavolaina hilaza amin'ny mpamolavola izany hoe: "Nahoana no nataonao tahaka izao aho?" [21]Moa ny mpanefy vilany tsy manana zo amin'ny tanimanga ka ny vongana iray ihany no hanamboarana fitoerana amin'ny andro voatokana, ary fitoerana iray hafa amin'ny andavanandro?
[22]Ahoana raha Andriamanitra, izay te-ampiseho ny fahatezerany sy hampahafantatra ny fahefany, no niaritra tamim-paharetana ireo fitoeran'ny fahatezerana nomanina ho amin'ny fahasimbaina? [23]Ahoana raha nataony izany mba hampahafantarany ny haren'ny voninahiny eo amin'ireo fitoeran'ny famindram-po, izay efa nomaniny mialoha ho amin'ny voninahitra? [24]Ahoana raha nataony ho antsika koa izany, izay nantsoiny ihany koa, tsy ho eo amin'ny samy Jiosy ihany, fa ho eo amin'ny ireo Jentilisa ihany koa?
[25]Araka izay nolazainy tao amin'i Hosea ihany koa hoe: "Hantsoiko hoe oloko izay tsy oloko, ary hoe malalany ilay tsy malala. [26]Avy eo dia any amin'izay nilazàna tamin'izy ireo hoe: 'Tsy oloko ianareo,' any no hiantsoana azy ireo hoe: 'zanak'Andriamanitra velona.'"
[27]Isaia niantso mafy ny amin'ny Isiraely hoe: "Raha tahaka ny fasika eny amin'ny ranomasina ny isan'ny zanak'Isiraely, dia ho voavonjy izay sisa ambiny, [28]fa ny Tompo hitondra ny teniny eto an-tany, feno ary tsy ho ela." [29]Araka ny nolazain'Isaia mialoha hoe: "Raha ny Tompo tompon'ny maro no tsy namela taranaka ho antsika, dia ho tahaka an'i Sodoma isika, ary ho lasa tahaka an'i Gomora."
[30]Inona ary no holazaintsika? Fa ireo Jentilisa, izay tsy nitady ny fahamarinana, no nahazo ny fahamarinana, izay fahamarinana avy tamin'ny finoana. [31]Fa Isiraely, izay nitady ny lalàn'ny fahamarinana, dia tsy tonga tamin'izany.
[32]Nahoana moa? Satria izy ireo tsy nitady izany tamin'ny finoana, fa tamin'ny asa. Tafintohin'ny vaton'ny fanafintohinana izy ireo, [33]araka izay efa voasoratra hoe: "Jereo, ao Ziona no ametrahako ny vaton'ny fanafintohinana sy vatolampin'ny fandikan-dalàna. Izay mino izany dia tsy ho menatra."

10 [1]Ry rahalahy, ny irin'ny foko sy ny angatahiko amin'Andriamanitra ho azy ireo, dia ny famonjena azy ireo. [2]Fa mijoro vavolombelona momba azy ireo aho fa mafana fo ho an'Andriamanitra izy ireo, nefa tsy araka ny fahalalana. [3]Fa tsy mahafantatra ny fahamarinan'Andriamanitra ireny, ary mitady hametraka ny fahamarinan'izy ireo manokana. Tsy mnanaiky ny fahamarinan'Andriamanitra izy ireny.
[4]Fa Kristy no fahatanterahan'ny lalàna ho fahamarinana ho an'izay rehetra mino. [5]Fa Mosesy manoratra momban'ny fahamarinana izay avy amin'ny lalàna hoe: "Ny olona izay manao ny fahamarinan'ny lalàna dia hiaina amin'izany fahamarinana izany."
[6]Fa ny fahamarinana izay avy amin'ny finoana dia milaza hoe: "Aza milaza izao ao am-po hoe: 'Iza no hiakatra any an-danitra?' (izany dia, mampidina an'i Kristy); [7]ary aza miteny hoe: 'Iza no hidina any amin'ny lalina?'" (izany dia, mampiakatra an'i Kristy amin'ny maty).
[8]Fa inona no ambaran'izany? "Eo akaikinao ny teny, ao am-bavanao ary ao am-ponao." Izany no tenin'ny finoana, izay ambaranay. [9]Fa raha amin'ny vavanao no anekenao an'i Jesosy ho Tompo, ary mino amin'ny fonao fa natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty Izy, dia ho vonjena ianao. [10]Fa amin'ny fo no inoan'ny olona ny fahamarinana, ary amin'ny vava no anekeny ny famonjena.
[11]Fa hoy ny Soratra Masina hoe: "Tsy ho menatra izay rehetra mino Azy." [12]Fa tsy misy fahasamihafana eo amin'ny Jiosy sy Grika. Fa Tompo iray ihany no Tompon'ny rehetra, ary harem-pahasoavana ho an'izay rehetra miantso Azy Izy. [13]Fa izay rehetra miantso ny anaran'ny Tompo no ho vonjena.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Ahoana ary no ahafahan'izy ireo miantso Azy izay tsy ninoany? Ahoana no ahafahan'izy ireo mino Azy izay tsy ren'izy ireo? Ahoana no ahafahan'izy ireo mandre raha tsy misy mpitory? [15]Ary ahoana no ahafahan'izy ireo mitory, raha tsy nisy naniraka? _ Araka ny voasoratra hoe: "Endrey ny hatsaran'ny tongotr'ireo manambara ireo zava-tsoan'ny filazantsara!"
[16]Kanefa tsy izy rehetra no nihaino ny filazantsara. Fa hoy Isaia hoe: "Tompo, iza no nino ny hafatray?" [17]Noho izany ny finoana dia avy amin'ny fihainoana, ary ny fihainoana avy amin'ny tenin'i Kristy.
[18]Fa hoy aho hoe: "Moa ve tsy nisy nandre izy ireo?" Eny, tena marina. "Ny feon'izy ireo dia efa nivoaka maneran-tany, ary ny tenin'izy ireo hatrany amin'ny faran'izao tontolo izao."
[19]Ankoatra izay, hoy aho hoe: "Moa ve tsy nahafantatra ny Israely?" Tamin'ny voalohany Mosesy nilaza hoe: "Ho ataoko saropiaro amin'izay tsy firenena akory ianareo. Amin'ny firenena izay tsy misy fahalalana, ho ataoko tonga amin'ny fahatezerana ianareo."
[20]Ary eo tena sahy tokoa Isaia rehefa niteny izy hoe: "Hitan'ireo izay tsy nitady ahy aho. Niseho tamin'ireo izay tsy nanontany ahy aho." [21]Fa hoy izy tamin'Israely hoe: "Tontolon'ny no nanatsorako ny tanako tamin'ny olona tsy mankatoa sy maditra."

11 [1]Ary niteny aho, narian'Andriamanitra ve ny olony? Sanatria anie izany. Fa izaho ihany koa dia Isiraelita, taranak'i Abrahama, avy amin'ny fokon'i Benjamina. [2]Andriamanitra dia tsy nanary ny olony, izay efa fantany teo aloha. Tsy fantatrareo ve izay voalazan'ny Soratra Masina momba an'i Elia, dia ilay fitarainany tamin'Andriamanitra namely an'Israely? hoe: [3]Tompo, izy ireo dia namono ireo mpaminaninao, namotika ny alitaranao. Izaho irery sisa tavela, ary mifofo ny aiko izy ireo."
[4]Fa inona no valin-teny nambaran'Andriamanitra azy? "Nanokana fito arivo lahy ho an'ny tenako Aho izay tsy nandohalika teo amin'ny Bala." [5]Dia toy izany, amin'izao ankehitriny izao ihany koa dia misy sisa ihany nohon'ny fisafidianana amin'ny fahasoavana.
[6]Fa raha avy amin'ny fahasoavana izany, dia tsy avy amin'ny asa intsony. Fa raha izany dia tsy fahasoavana intsony ny fahasoavana. [1][7]Inona ary? Ny zavatra izay notadiavin'Isiraely, dia tsy azony, fa ny voafidy no nahazo izany, ary nohamafisina ireo ambiny. [8]Izany dia araka ny efa voasoratra hoe: "Andriamanitra dia nanome azy ireo ny fanahin'ny fitavozavozana, maso mba tsy hahitan'izy ireo, ary sofina mba tsy handrenesan'izy ireo, mandrak'androany."
[9]Ary hoy i Davida hoe: "Aoka ny latabany ho harato sy fandrika, ho vato mamingana sy valifaty ho azy ireo. [10]Aoka ny mason'izy ireo hohamaizinina mba tsy hahita, ary aoka hiondrika mandrakizay ny lamosin'izy ireo."
[11]Dia hoy aho hoe: "Moa ve tafintohina ireo mba ho lavo?" Sanatria anie izany. Fa kosa, avy amin'ny fahalavoan'izy ireo, no nahatongavan'ny famonjena teo amin'ireo jentilisa, mba hampialona azy ireo. [12]Ary raha ny fahalavoan'izy ireo no haren'izao tontolo izao, ary raha ny fahaverezan'izy ireo no haren'ireo jentilisa, dia manao ahoana ny halehiben'ny fahatanterahan'izy ireo?
[13]Fa ankehitriny dia miresaka aminareo Jentilisa aho, ary raha mbola apostolin'ireoJentilisa aho, dia mankasitraka ny fanompoako. [14]Angamba hampialona ireo izay avy amin'ny nofoko manokana aho. Angamba hamonjy ny sasany amin'izy ireo isika.
[15]Fa raha midika fampihavanana an'izao tontolo izao ny fandavana azy ireo, dia inona no handraisana azy ireo izany fa fiainana avy amin'ny fahafatesana? [16]Raha voatokana ny vokatra voalohany, dia ny ampahany amin'ny kobam-bary koa. Raha voatokana ny fakany, dia toy izany ihany koa ireo rantsany.
[17]Fa raha notapahina ny rantsana sasany, ary raha ianao, sampana olivadia, no natambatra teo amin'izy ireo, ary raha nifampizara tamin'izy ireo ny faka-mamokatry ny hazo oliva ianao, [18]aza mirehareha amin'ireo sampana. Fa raha mirehareha ianao, dia tsy ianao no mitondra ny fakany, fa ny fakany no mitondra anao.
[19]Dia hiteny ianao hoe: "Notapahina hiala ireo rantsana mba hafahako mifandray aminy." [20]Marina izany. Nohon'ny tsy finoan'izy ireo dia notapahina hiala izy ireo, fa ianareo dia mijoro tsara nohon'ny finoanareo. Aza manao ny tenanareo ho ambony, fa matahora. [21]Fa raha ny tena sampana aza tsy navelan'Andriamanitra, dia tsy ho avelany ihany koa ianao.
[22]Ary, Jereo, ny fahamoram-po sy ny fahasaro-pon'Andriamanitra. Etsy andaniny, ny fahasaro-po dia tonga amin'ireo jiosy izay lavo. Fa etsy ankilany kosa, ny hatsaram-panahin'Andriamanitra dia tonga aminareo, raha maharitra ao amin'ny hatsaram-panahiny ianareo. Fa raha tsy izany dia ho tapahina koa ianareo.
[23]Ary na ireny aza, raha tsy manohy amin'ny tsy finoany izy ireo, dia hatambatra. Fa Andriamanitra dia afaka mamerina manambatra azy ireo indray. [24]Fa raha notapahina tamin'ny hazo oliva-dia ianareo, ka natambatra tamin'ny hazo oliva tsara, dia toy ny ahoana ny fohoaran'ny habetsak'ireo jiosy, izay sampana voajanahary, natambatra tamin'ny hazo olivan'izy ireo manokana?
[25]Fa tsy tiako tsy hahafantatra ianareo, ry rahalahy, ny amin'izany zava-miafina izany, mba tsy haha-hendry anareo amin'ny eritreritrareo manokana. Izany zava-miafina izany dia efa nahamafy loha ny ampahany amin'Isiraely, mandra-piavin'ny fahafenoan'ireo Jentilisa.
[26]Noho izany dia ho vonjena avokoa ny Isiraely rehetra, araka ny voasoratra hoe: "Hivoaka avy any Ziona ny mpanafaka. Hanala ny haratsiam-panahy amin'i Jakoba Izy, [27]ary izany no ho fanekem-pihavanako amin'izy ireo, rehefa hanaisotra ny fahotan' izy ireo Aho."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[28]Amin'ny lafiny iray mahakasika ny filazantsara, dia fahavalo izy ireo nohon'ny aminareo. Amin'ny lafiny iray hafa araka ny safidin'Andriamanitra, dia malala izy ireo noho ireo razana. [29]Fa ireo fanomezana sy antson'Andriamanitra dia tsy miova.
[30]Fa ianareo dia tsy nankatoa an'Andriamanitra fahiny, kanefa ankehitriny ianareo dia nandray ny famindram-po nohon'ny tsy fankatoavan'izy ireo. [31]Tahaka izany ihany koa, ankehitriny ireo Jiosy dia tsy nankatoa. Ny vokany dia tamin'ny alalan'ny famindram-po izay naseho anareo no mety handraisan'izy ireo ny famindram-po ihany koa ankehitriny. [32]Fa Andriamanitra efa nanidy ny tsy fankatoavana rehetra, mba afahany mampiseho famindram-po amin'ny rehetra.
[33]Endrey, ny halalin'ny ireo haren'ny fahendrena sy fahalalan'Andriamanitra! Tsy takatry ny saina ireo fitsarany, ary ireo lalany dia tsy hay refesina![34]"Fa iza no nahalala ny fihevitry ny Tompo na iza no tonga ho mpanolo-tsaina Azy?
[35]Na iza no nanome zavatra an'Andriamanitra aloha, ka tsy maintsy hanoneran'Andriamanitra azy indray?" [36]Fa avy Aminy sy amin'ny alalany ary ho Azy ny zavatra rehetra. Ho Azy mandrakariva ny voninahitra. Amena.

---

[1]Fanamarihana: Ny antontan-taratasy sasany taloha dia mamaky hoe: "Kanefa raha avy amin'ireo asa izany, dia tsy fahasoavana intsony; fa raha izany dia tsy asa intsony ny asa."

---

12 [1]Mangataka anareo aho noho izany, ry rahalahy, noho ireo famindram-pon'Andriamanitra, mba hanolotra ny vatanareo ho sorona velona, masina, eken' Andriamanitra. Izany no fanompoanareo araka ny tokony ho izy. [2]Aza mitovy amin'izao tontolo izao, fa miovà amin'ny fanavaozana ny sainareo. Ataovy izao mba ho fantatrareo izany tsara, azo ekena, ary ny sitrapo lafatr'Andriamanitra.
[3]Fa ambarako, nohon'ny fahasoavana izay nomena ahy, ny tsy tokony hananan'ny rehetra izay eo aminareo eritreritra hanambony ny tenany mihoatra izay tokony ho eritreretiny. Fa kosa, tokony hieritreritra am-pahendrena izy ireo, tahaka ny nanomezan' Andriamanitra fatram-pinoana ny tsirairay avy.
[4]Fa manana rantsana maro amin'ny vatantsika isika, kanefa tsy mitovy avokoa ny asan'ireo rantsana ireo. [5]Mitovy amin'izany, isika izay maro be dia vatana iray ihany ao amin'i Kristy, ary rantsana manokana amin'ny tsirairay.
[6]Manana fanomezam-pahasoavana samy hafa isika araka ny fahasoavana izay nomena antsika. Raha faminaniana no fanomezam-pahasoavan'ny iray, dia aoka atao araka ny haben'ny finoany. [7]Raha fanompoana no fanomezam-pahasoavan'ny iray, dia aoka izy hanompo. Raha nisy iray nahazo fanomezam-pahasoavana hampianatra, aoka izy hampianatra. [8]Raha fampaherezana no fanomezam-pahasoavan'ny iray, aoka izy hampahery. Raha mahanome no fanomezam-pahasoavan'ny iray, aoka izy hanao izany amim-pahalala-tanana. Raha hitarika no fanomezam-pahasoavan'ny iray, aoka izany ho vita am-pitandremana. Raha hampiseho fangoraham-po no fanomezam-pahasoavan'ny iray, aoka izany ho vita am-piravoravoana.
[9]Aoka ny fitiavana tsy hisy fihatsaram-belatsihy. Ankahalao ny ratsy; hazony mafy izay tsara. [10]Raha ny momba ny fitiavan'ny mpirahalahy, mifankatiava aminareo tsirairay avy. Raha ny momba ny fanomezam- boninahitra, mifanajà.
[11]Raha ny momba ny fikirizana, aza misalasala. Raha ny momba ny Fanahy, aoka hafana fo. Momba ny Tompo, tompoy Izy. [12]Mifalia ao amin'ny fahatokiana izay hanananao momba ny ho avy. Mahareta amin'ireo olanao. Mivavaha hatrany.
[13]Mifampizara amin'izay ilain'ny mpino. Mitadiava fomba maro hampiantranoanao olona.
[14]Misaora ireo izay manenjika anao; misaora ary aza manozona. [15]Miaraha-mifaly amin'ireo izay mifaly; miaraha-mitomany amin'ireo izay mitomany. [16]Mitovia fisainana amin'ny tsirairay. Aza misaina amin'ny fomba mirehareha, fa ekeo ireo olona ambany. Aza mihevitra ny tenanao ho hendry.
[17]Aza mamaly ratsy ny ratsy. Manaova zavatra tsara maro eo imason'ny olona rehetra. [18]Raha mety, araka izay azonao atao, mihavana amin'ny olona rehetra.
[19]Aza mamaly ratsy ny tenanareo, ry malala, fa omeo lalana ny fahatezerana Andriamanitra. Fa efa voasoratra hoe: '"Ahy ny vali-faty; Izaho no hamaly,' hoy ny Tompo." [20]Fa raha noana ny fahavalonao, omeo sakafo izy. Raha mangetaheta izy, omeo ho sotroina izy. Fa raha manao izany ianao, dia hanangona vain'afo eo amin'ny lohany." [21]Aza mety ho resin'ny ratsy, fa reseo amin'ny tsara ny ratsy.

13 [1]Aoka fanahy rehetra hankatoa ireo manam-pahefana ambony, fa tsy misy fahefana raha tsy avy amin'Andriamanitra. Ary ireo manam-pahefana misy dia efa voatendrin'Andriamanitra. [2]Noho izany izay manohitra izany fahefana izany dia manohitra ny didin'Andriamanitra; ary ireo izay manohitra izany dia hahazo fitsaràna amin'ny tenan'izy ireo.
[3]Satria ireo mpanapaka dia tsy fampitahorana ho an'ireo asa tsara, fa ho an'ireo asa ratsy. Maniry ny tsy hatahotra ny iray ao amin'ny fahefana ve ianareo? Manaova ny tsara, dia ho deraina amin'izany ianao. [4]Fa izy dia mpanompon'Andriamanitra ho anareo amin'ny tsara. Fa raha manao ny ratsy ianareo, dia matahora, satria tsy mitondra ny sabatra tsy amin' ny antony izy. Fa izy dia mpanompon' Andriamanitra, mpamaly ny fahatezerana amin'ilay manao ny ratsy. [5]Noho izany dia tokony hankatoa ianareo, tsy nohon' ny fahatezerana ihany, fa nohon'ny fieritreretana ihany koa.
[6]Noho izany dia mandoa hetra ihany koa ianareo. Fa mpanompon'Andriamanitra ireo manam-pahefana, izay miandraikitra izany zavatra izany tsy ankiato. [7]Aloavy amin'ny tsirairay izay tokony ho azy ireo: mandoava hetra

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

amin'izay tokony handoavana azy; mandoava fadin-tseranana amin'izay tokony handoavana azy; matahora an'izay tokony hatahorana; manajà an'izay mendrika izany.
[8]Aza manana trosa na amin'iza na amin'iza, afa-tsy ny fifankatiavana ihany. Fa izay tia ny manodidina azy dia nahatanteraka ny lalàna: [9]Maro ireo didy: "Aza mangala-badin'olona, aza mamono olona, aza mangalatra, aza mitsiririitra," ary raha misy didy hafa ankoatra ireo koa, dia voafehy amin'ity fehezanteny ity izany: "Tiavo ny namanao tahaka ny tenanao." [10]Ny fitiavana dia tsy mandratra ny manodidina; noho izany, ny fitiavana no fahatanterahan'ny lalàna.
[11]Noho izany, fantatrareo ny fotoana, fa efa fotoana hifohazanareo amin'ny torimaso sahady izao. Fa ankehitriny efa manakaiky noho izay ninoantsika tamin'ny voalohany ny fanavotana antsika. [12]Mandroso ny alina, ary manakaiky ny andro. Noho izany andao hariana ireo asan'ny maizina, ary andao isika hitafy ny fiadian'ny fahazavana.
[13]Andao hizotra amin'ny lalana mahitsy, tahaka ny amin'ny andro, fa tsy toy ny amin'ireo firavoravoana tsy am-pahamendrehana na koa ny fahamamoana; ary andao tsy handeha amin'ny fahavetavetana na amin'ny filàna tsy voafehy, ary tsy ho amin'ny fifanoherana na fialonana. [14]Fa mitafia an'i Jesosy Kristy Tompo, ary aza manome hirika ho an'ny nofo, mba hanomezana fahafaham-po ny filàny.

14 [1]Raiso na izay rehetra malemy amin'ny finoana, aza mitsara momba ny tohan-kevitra. [2]Ny olona iray dia manana finoana hihinana na inona na inona, fa ny iray hafa izay malemy dia tsy mihinana afa-tsy legioma.
[3]Aoka izay mihinana ny zava-drehetra tsy hanamavo izay tsy mihinana ny rehetra; ary izay tsy mihinana ny zava-drehetra kosa tsy hitsara izay hafa mihinana ny rehetra. Fa Andriamanitra efa nanaiky azy. [4]Iza moa ianao, ianao izay mitsara ny mpanompon'olon-kafa? Eo anatrehan'ny tompony izy no mijoro na mianjera. Fa hatsangana izy, satria ny Tompo dia afaka manangana azy.
[5]Ny olona iray dia mihevitra fa misy ny andro tsara nohon'ny rehetra. Ny hafa kosa dia mihevitra fa mitovy ny andro rehetra. Avelao ny tsirairay ho resy lahatra araka ny sainy avy. [6]Izay mandinika ny andro, dia mandinika izany ho an'ny Tompo; ary izay mihinana, dia mihinana ho an'ny Tompo, fa misaotra an'Andriamanitra izy. Izay tsy mihinana, dia mifady hanina ho an'ny Tompo, izy ihany koa dia misaotra an'Andriamanitra.
[7]Fa tsy misy miaina ho an'ny tenany isika, ary tsy misy maty ho an'ny tenany. [8]Fa raha miaina isika, dia miaina ho an'ny Tompo, ary raha maty isika, dia maty ho an'ny Tompo. Araka izany na velona isika na maty, dia an'ny Tompo. [9]Fa ho amin'izany antony izany no nahafatesan'i Kristy ary nahavelomany indray, mba hahatonga Azy ho sady Tompon'ny maty no Tompon'ny velona.
[10]Fa ianao, nahoana ianao no mitsara ny rahalahinao? Ary ianao, nahoana ianao no mankahala ny rahalahinao? Fa isika rehetra dia mbola hijoro ho tsaraina eo anatrehan'ny seza fitsaran'Andriamanitra. [11]Fa efa voasoratra hoe: "Raha mbola velona koa Aho," hoy ny Tompo, "dia hiforitra eo anatrehako ny lohalika rehetra, ary ny lela rehetra dia hidera an'Andriamanitra."
[12]Noho izany ary, isika tsirairay avy dia hanao tatitra ny tenany eo amin'Andriamanitra. [13]Ka, aoka isika tsy hifampitsara intsony, fa kosa hanapaka izao, mba tsy hisy hametraka vato mahatafintohina na fandrika ho an'ny rahalahiny.
[14]Mahafantatra aho ary resy lahatra ao amin'ny Tompo Jesosy, fa tsy misy tsy madio amin'ny tenany. Fa ho an'izay mandray na inona na inona ho tsy madio ihany, dia tsy madio izany ho azy. [15]Satria raha malahelo nohon'ny amin'ny sakafo ny rahalahinao, dia tsy mandeha am-pitiavana intsony ianao. Aza simbaina nohon'ny amin'ny sakafonareo ireo izay namoizan'i Kristy ny ainy.
[16]Koa aza mamela izay heverinareo ho tsara ho aratsiana. [17]Fa ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy momba ny sakafo sy rano fisotro, fa momba ny fahamarinana, fiadanana, ary fifaliana ao amin'ny Fanahy Masina.
[18]Fa izay manompo an'i Kristy araka izany dia ankasitrahan'Andriamanitra sy eken'ny olona. [19]Noho izany, aoka isika hanohy ireo zavatry ny fiadanana sy ireo zavatra izay manefy ny tsirairay avy.
[20]Aza simbaina nohon' ny amin'ny sakafo ny asan'Andriamantra. Madio tokoa ny zavatra rehetra, fa ratsy ho an'ny olona izay mihinana azy ary mahatonga azy ho tafintohina. [21]Tsara ny tsy mihinan-kena, na misotro divay, na ny zavatra rehetra izay mety hanafintohina ny rahalahinao.
[22]Ny finoana anananao, tehirizo ao aminao sy Andriamanitra. Sambatra izay tsy manameloka ny tenany amin'izay ekeny.
[23]Izay misalasala dia meloka raha mihinana, satria tsy tamin'ny finoana izany. Ary na inona na inona tsy avy amin'ny finoana dia fahotana.

15 [1]Ary isika izay matanjaka dia tokony handefitra ny fahalemen'ny malemy, ary tsy tokony hanao izay mahafinaritra ny tenantsika. [2]Aoka ny tsirairay avy amintsika hanao izay mahafaly ny mpiara-belona aminy fa izany no tsara, mba hanandratana azy.
[3]Fa na Kristy aza tsy nanao izay nahafinaritra ny tenany. Fa kosa, izany dia araka ny efa voasoratra hoe: "Ny faniratsiran'ireo izay maniratsira anao dia nianjera tamiko." [4]Fa na inona na inona voasoratra teo aloha dia voasoratra ho fampianarana antsika, mba amin'ny alalan'ny faharetana sy amin'ny alalan'ny fampaherezan'ny Soratra Masina no hananantsika toky.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Ary ny Andiamanitry ny faharetana sy fampaherezana anie hanome fisainana mitovy ho an'ny tsirairay avy araka an'i Kristy Jesosy. [6]Izy anie anao izany mba ho amin'ny fisainana iray sy amin'ny vava iray ihany no hideranareo an'Andriamanitra sy Rain'i Tompontsika Jesosy Kristy. [7]Noho izany mifandraisa, tahaka ny nandraisan'i Kristy anareo ihany koa aza, ho fiderana an'Andriamanitra.
[8]Fa lazaiko fa Kristy dia efa tonga mpanompon'ny voafora ho an'ny fahamarinan'Andriamanitra, mba hahafahana manamarina ireo fampanantenana izay nomena ireo ray, [9]ary ho an'ireo Jentilisa mba hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra nohon'ny famindram-pony. Izany dia araka ny efa voasoratra hoe: "Noho izany dia hanome fiderana Anao eo amin'ireo Jentilisa Aho ary hihira fiderana ny anaranao."
[10]Mbola voalaza hatrany hoe: "Miravoravoa, miaraka amin'ny vahoakany, ry Jentilisa." [11]Ary koa hoe: "Derao ny Tompo, ry Jentilisa rehetra; avelao ny olona rehetra hidera Azy."
[12]Hoy indray, Isaia hoe: "Hisy fakan'ny Jese, ary ilay iray izay hitsangana hanapaka eo amin'ny Jentilisa. Hanana fahatokiana aminy ireo Jentilisa."
[13]Ary ny Andriamanitry ny fahatokisana anie hameno anareo amin'ny fifaliana sy fiadanana rehetra amin'ny finoana, mba ho feno fahatokisana ianareo, avy amin'ny herin'ny Fanahy Masina.
[14]Ny tenako izao ihany koa dia resy lahatra ny momba anareo, ry rahalahy. Resy lahatra aho fa ianareo ihany koa dia feno fahatsarana, feno ny fahalalana rehetra. Resy lahatra aho fa ianareo ihany koa dia afaka mifananatra.
[15]Fa manoratra am-pahasahiana aminareo aho momba ireo zavatra sasany mba hampatsiahivana anareo indray, nohon'ny fanomezam-pahasoavana izay nomen'Andriamanitra ahy. [16]Izany fanomezam-pahasoavana izany dia ny tokony mba hanompoako an'i Kristy Jesosy nalefa tany Jentilisa, mba hanolotra tahaka ny sorona ny filazantsaran'Andriamanitra. Tokony hataoko izany mba ho azo ekena ny fanatitr' ireo Jentilisa, voatokan'ny Fanahy Masina.
[17]Noho izany ny hafaliako dia ao amin'i Kristy Jesosy sy ireo zavatr'Andriamanitra. [18]Fa tsy ho sahy hiresaka na inona na inona afa-tsy ireo zavatra vitan'i Kristy tamin'ny alalako ho an'ny fankatoavan'ireo Jentilisa aho. Ireo zavatra ireo dia vita tamin'ny teny sy asa, [19]tamin'ny herin'ireo famantarana sy fahagagana, ary tamin'ny herin'ny Fanahy Masina. Izany dia mba avy any Jerosalema, sy lavidavitra tahaka an'Ilyrikioma, no hahafahako manataneraka ny filazantsaran'i Kristy.
[20]Amin'izany, ny faniriako dia ny hitory ny filazantsara, fa tsy any amin'izay ahafantarana an'i Kristy amin'ny anarana, mba tsy hanorenako eo amin'izay efa nanorenan'ny hafa. [21]Izany dia araka ny voasoratra hoe: "Tamin'ireo izay tsy nilazana Azy no hahita Azy, ary ireo izay tsy nandre no hahazo."
[22]Noho izany ihany koa dia voasakana matetika tsy ho any aminareo aho. [23]Fa ankehitriny, tsy manana toerana amin'ireo faritra ireo intsony Aho, ary taona maro no efa naniriako mafy ho any aminareo.
[24]Noho izany na oviana na oviana andehanako any Espana, dia manantena aho ny hahita anareo rehefa mandalo, ary haterinareo any amin'ny alehako, rehefa avy mankafy ny fiarahanareo vetivety Aho. [25]Fa ankehitriny ho any Jerosalema Aho hanompo ireo mpino.
[26]Fa fifalian'i Makedonia sy Akaia ny hanao fandraisan'anjara ho an'ireo mahantra isan'ireo mpino izay any Jerosalema.
[27]Eny, fifaliana ho azy ireo izany, ary, mpitrosa aminy tokoa izy ireo. Fa raha ny Jentilisa no nizara tamin'ny zavatra masin'izy ireo, dia tokony hanompo azy ireo ihany koa izy ireo amin'ireo zavatra ara-materialy.
[28]Noho izany, rehefa notanterahako izao asa izao ary nanamafy fa voarain'izy ireo ny vokatra izay nangonina, dia ho any Espaina aho ary hitsidika anareo amin'ny lalako. [29]Fantatro fa rehefa mankany aminareo aho dia hiditra amin'ny fahafenoan'ny fitahian'i Kristy.
[30]Ankehitriny mamporisika anareo aho, ry rahalahy, amin'ny Jesosy Kristy Tompontsika, sy amin'ny fitiavan'ny Fanahy, mba hiaraka hiady amiko ianareo amin'ny vavaka ataonareo amin'Andriamanitra ho ahy. [31]Mivavaha mba ho avotra amin'ireo izay tsy mankatoa any Jodia aho, ary mba ho eken'ireo mpino ny fanompoako ho an'i Jerosalema. [32]Mivavaha mba hiaviako aminareo amin-kafaliana amin'ny sitrapon'Andriamanitra, ary mba hahafahako, mahita fitsaharana, miaraka aminareo.
[33]Andriamanitry ny fiadanana anie homba anareo rehetra. Amena.

16 [1]Ankiniko aminareo i Foiby anabavintsika, izay mpanompon'ny fiangonana any Kenkrea, [2]mba handraisanareo azy ao amin'ny Tompo. Ataovy izany amin'ny fomba mendrika ireo mpino, ary manatreha azy amin'izay olana mety hilainy ny fanampianareo. Fa izy tenany ihany koa dia lasa mpanampy ny maro, ary ny tenako ihany koa.
[3]Manaova veloma an'i Prisila sy Akoila, mpiara-miasa amiko ao amin'i Kristy Jesosy, [4]izay nahafoy ny ain'izy ireo ho an'ny aiko. Misaotra azy ireo aho, ary tsy izaho ihany, fa ireo fiangonana rehetran'ny Jentilisa ihany koa. [5]Manaova veloma ny fiangonana izay ao amin'ny tranon'izy ireo. Manaova veloma any amin'i Epaineto malalako, izay voaloham-bokatr'i Asia ho an'i Kristy.
[6]Manaova veloma an'i Maria, izay niasa mafy ho anareo. [7]Manaova veloma an'i Androniko sy Jonia, havako akaiky, ary niara-nigadra tamiko. Malaza eo anivon'ireo apostoly izy ireo, izay tao amin'i Kristy talohako ihany koa. [8]Manaova veloma an'i Ampliato, malalako ao amin'ny Tompo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Manaova veloma an'i Orbano, mpiara-miasa amintsika ao amin'i Kristy, sy Staky, malalako. [10]Arahabao Apela, ilay ankasitrahana ao amin'i Kristy. Arahabao ireo izay ao amin'ny tokantranon'i Aristobolo. [11]Manaova veloma an'i Herodiona, havako. Manaova veloma an'ireo izay ao amin'ny tokantranon'i Narkisa, izay ao amin'ny Tompo.
[12]Manaova veloma an'i Tryfena sy Tryfosa, izay miasa mafy ao amin'ny Tompo. Arahabao Perysa malala, izay niasa mafy tao amin'ny Tompo. [13]Manaova veloma an'i Rofosy, izay voafidy tao amin'ny Tompo, ary ny reniny sy ny reniko. [14]Manaova veloma an'i Asynkrito, Flegona, Hermesy, Patroba, Herma, ary ireo rahalahy izay miaraka amin'izy ireo.
[15]Manaova veloma an'i Filologia sy Jolia, Nerea sy ny anabaviny, sy Olimpa, ary ireo mpino rehetra miaraka amin'izy ireo.
[16]Mifanaova veloma amin'ny fifanorohana masina. Ireo fiangonan'i Kristy rehetra dia manao veloma anareo.
[17]Ankehitriny mamporisika anareo aho, ry rahalahy, mba hihevitra ny momba ireo izay mahatonga ny fizarazarana sy ny fanafintohinana. Izy ireo dia mihoatra lavitry ny fampianarana izay noraisinareo. Mialà lavitra azy ireo. [18]Fa tsy manompon'i Kristy Tompontsika ny olona toy ireny, fa ny kibony manokana ihany. Amin'ny teny malefaka sy mandoka no amitahan'izy ireo ny fon'ny tsy manan-tsiny.
[19]Fa ny ohatrareo amin'ny fankatoavana dia tafita any amin'ny tsirairay. Noho izany, mifaly aho, ny aminareo, fa tiako mba ho hendry amin'izay tsara ianareo, ary tsy hanan-tsiny amin'izay ratsy. [20]Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an'i Satana eo ambanin'ny tongotrareo afaka fotoana fohy. Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Tompontsika Jesosy Kristy.
[21]Timoty, mpiara-miasa amiko, dia manao veloma anareo, sy Losio, Jasona ary Sosipatro, havako. [22]Izaho, Tertio, izay nanoratra ity epistily ity, dia manao veloma anareo ao amin'ny Tompo.
[23]Gaio, ilay mpampiantrano ahy sy ny fiangonana manontolo, dia manao veloma anareo anareo. Erasto, mpitam-bola ao amin'ny tanàna, dia manao veloma anareo, miaraka amin'i Koarto ilay rahalahy. [24][1]
[25]Ary ny voninahitra dia ho Azy izay mahavita mampijoro anareo araka ny filazantsarako sy ny fitoriana an'i Jesosy Kristy, araky ny fanambarana ny misitery izay notazonina ho tsiambaratelo ela be tany aloha tany, [26]kanefa nambara ankehitriny, ary tamin'ny alalan'ny bokin'ny faminaniana no nampahafantarina tamin'ny firenena rehetra, araka ny didin'Andriamanitra mandrakizay, ho fankatoavana ny finoana.
[27]Ho an'ilay Andriamanitra tokan'ny fahendrena, anie ny voninahitra mandrakizay, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy. Amena.

[1]Fanamarihana: Ny fandikana taloha tsara indrindra dia manala ity andininy ity. (Jereo ny Romana 16: 20). and 24: "Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavan'ny Tompontsika Jesosy Kristy. Amena."

I korintiana

1 [1]Paoly, nantsoin'i Jesosy Kristy mba ho Apostoly nohon'ny sitrapon'Andriamanitra, sy Sostena rahalahintsika, [2]ho an'ny fiangonan'Andriamanitra ao Korinto, ho an'ireo izay nohamasinina tao amin'i Kristy Jesosy, izay voantso ho olona masina. Manoratra ho an'ireo rehetra izay miantso ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika amin'ny toerana rehetra ihany koa izahay, dia Tompon'izy ireo sy antsika. [3]Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.
[4]Izaho dia manome fisaorana ho an'Andriamanitro ho anareo foana nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomen'i Jesosy Kristy anareo. [5]Nataony nanankarena tamin'ny fomba rehetra ianareo, tamin'ny fiteny rehetra sy ny fahalalana rehetra, [6]raha vao voaporofo teo aminareo fa marina ny fanambarana momban'i Kristy.
[7]Noho izany ianareo dia tsy ory fanomezam-pahasoavana eo am-piandrasanareo fatratra ny fanambarana an'i Jesosy Kristy Tompontsika. [8]Izy ihany koa dia hampahery anareo hatramin'ny farany, mba tsy hanan-tsiny ianareo amin'ny andron'i Jesosy Kristy Tompontsika. [9]Mahatoky Andriamanitra, izay niantso anareo ho amin'ny firaisana amin'ny Zanany lahy, Jesosy Kristy Tompontsika.
[10]Ankehitriny dia mampirisika anareo aho, ry rahalahy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, mba hifanaraka ianareo rehetra, ary tsy hisy fisarahana eo aminareo. Mampirisika aho mba hikambana amin'ny saina mitovy sy tanjona mitovy ianareo. [11]Fa efa natao mazava tamiko, ry rahalahy, tamin'ny alalan'ny vahoakan'i Kloe fa misy fifampiandaniana eo aminareo.
[12]Ny tiako ambara dia izao: Ny tsirairay aminareo samy manao hoe: "Izaho miaraka amin'i Paoly," na "Izaho miaraka amin'i Apolosy," na "Izaho miaraka amin'i Kefasy," na "Izaho miaraka amin'i Kristy." [13]Voazarazara ve Kristy? Paoly ve no nomboana ho anareo? Tamin'ny anaran'i Paoly ve no nanaovana batisa anareo?
[14]Misaotra an'Andriamanitra aho fa tsy nisy nataoko batisa ianareo, afa-tsy Krispo sy Gaio. [15]Izany dia mba tsy hafahan'iza na iza miteny hoe tamin'ny anarako no nanaovana batisa anareo. [16](Izaho ihany koa dia nanao batisa ny ankohonan'i Stefanasy. Ny ankoatra izay, tsy fantatro raha nanao batisa olona hafa aho.)
[17]Fa Kristy dia tsy naniraka ahy mba hampanao batisa fa hitory ny filazantsara. Izy tsy nandefa ahy hitory amin'ny tenin'ny fahendren'ny olombelona, mba tsy ho foana ny herin'ny hazofijalian'i Kristy.
[18]Fa ny hafatra momba ny hazo fijaliana dia fahadalana amin'ireo izay ho faty. Fa eo amin'ireo izay ho vonjen'Andriamanitra kosa, dia herin'Andriamanitra izany. [19]Fa voasoratra hoe: "Ho potehiko ny fahendren'ny hendry. Ho foanako ny fahalalanan'ny mahay."
[20]Aiza ny olon-kendry? Aiza ny manam-pahaizana? Aiza ny mpiady hevitra an'izao tontolo izao? Moa tsy navadik'Andriamanitra ho fahadalana ve ny fahendren'izao tontolo izao? [21]Satria tsy nahalala an'Andriamanitra izao

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tontolo izao tao amin'ny fahendreny, dia sitrak'Andriamanitra ny hamonjy ireo izay mino amin'ny alalan'ny fahadalan'ny fitoriana.
[22]Fa ireo Jiosy dia mangataka famantarana mahagaga ary ireo Grika mikaroka fahendrena. [23]Fa izahay mitory an'i Kristy voahombo, izay vato fanafintohinana ho an'ireo Jiosy ary fahadalana ho an'ireo Grika.
[24]Fa ho an'ireo izay nantsoin'Andriamanitra, ireo Jiosy sy ireo Grika, dia mitory an'i Kristy tahaka ny hery sy fahendren'Andriamanitra izahay. [25]Fa ny fahadalan'Andriamanitra dia hendry noho ny olona, ary ny fahalemen'Andriamanitra dia matanjaka noho ny olona.
[26]Hevero ny fiantsoana anareo, ry rahalahy. Tsy maro taminareo no hendry raha ny amin'ny maha olombelona. Tsy maro taminareo no nahery. Tsy maro taminareo no avo firazanana. [27]Fa Andriamanitra dia nisafidy ireo zavatra adalan'izao tontolo izao mba hampahamenatra ny hendry. Andriamanitra dia nisafidy izay malemy eo amin'izao tontolo izao mba hampahamenatra izay matanjaka.
[28]Andriamanitra dia nisafidy izay ambany sy hamavoina eto amin'izao tontolo izao. Na Izy aza dia nifidy ireo zavatra izay noheverina ho tsinontsinona, mba hahatonga tsinontsinoa ireo zavatra izay atao ho manan-danja. [29]Nataony izany mba tsy hisy hanana antony hireharehana eo anatrehany.
[30]Nohon'ny nataon'Andriamanitra, ankehitriny ianareo dia ao amin'i Kristy Jesosy, izay lasa fahendrena ho antsika avy amin'Andriamanitra. Izy dia lasa fahamarinantsika, fahamasinantsika ary fahafahantsika. [31]Vokatr'izany, araka izay voalazan' ny Soratra Masina hoe: "Aoka izay mirehareha, hirehareha ao amin'ny Tompo."

2 [1]Rehefa nankeo aminareo aho, ry rahalahy, dia tsy tonga niaraka tamina lahateny na fahendrena raha nanambara ny misitery momban'Andriamanitra.[1] [2]Fa nanapa-kevitra tsy hahalala na inona na inona aho rehefa teo aminareo, afa-tsy Jesosy Kristy, sy Izy voahombo.
[3]Ary niaraka taminareo aho teo amin'ny fahalemena, sy teo amin'ny tahotra, ary teo amin'ny fangovitana lehibe. [4]Ary ny hafatro sy ny fanambarako dia tsy tamin'ny teny fandresen-dahatry ny fahendrena. Fa kosa, ireo dia tamin'ny fanehoan'ny Fanahy sy hery, [5]mba tsy ho ao amin'ny fahendren'ny olombelona ny finoanareo, fa ao amin'ny herin'Andriamanitra.
[6]Ankehitriny dia miresaka fahendrena eo amin'ireo matotra isika, fa tsy ny fahendren'izao tontolo izao, na ny an'ireo mpanapak'izao vaninandro izao, izay mandalo ihany. [7]Fa kosa, milaza ny fahendren' Andriamanitra amin'ny fahamarinana miafina isika, ilay fahendrena miafina izay notendren'Andriamanitra mialoha talohan'ireo vaninandro rehetra ho voninahintsika.
[8]Tsy nisy tamin'ireo mpanapak'izao andro izao no nahafantatra io fahendrena io, fa raha nahatakatra izany izy ireo tamin'izany fotoana izany, dia tsy ho nomboin'izy ireo ilay Tompon'ny voninahitra. [9]Fa araka izay voasoratra hoe: "Ireo zavatra izay tsy nisy maso nahita, tsy nisy sofina nandre, tsy nisy eritreritra nahazo an-tsaina, ireo zavatra izay nomanin' Andriamanitra ho an'ireo tia Azy."
[10]Ireo no zavatra nasehon'Andriamanitra taminay tamin'ny alalan'ny Fanahy. Fa ny Fanahy dia mitady ny zavatra rehetra, na dia ireo zavatra lalin'Andriamanitra aza. [11]Fa iza no mahafantatra ny fisainan'ny olona iray afa-tsy ny fanahin'ny olona ao aminy? Araka izany koa, tsy misy mahafantatra ireo zavatra lalin'Andriamanitra afa-tsy ny Fanahin'Andriamanitra.
[12]Fa tsy nandray ny fanahin'izao tontolo izao isika, fa ny Fanahy izay avy amin'Andriamanitra, mba hafahantsika mahafantatra ireo zavatra omena antsika maimaimpoana avy amin'Andriamanitra. [13]Miteny momba ireo zavatra ireo amin'ny teny izay tsy hain'ny fahendren'ny olombelona ampianarina izahay, fa izay ampianarin'ny Fanahy anay. Ny Fanahy no mandika ny teny ara-panahy miaraka amin'ny fahendrena ara-panahy.
[14]Ny olona izay tsy ara-panahy dia tsy mandray ireo zavatra izay an'ny Fanahin'Andriamanitra, satria fahadalana aminy ireny. Tsy afa-mahalala an'ireny izy satria famantarana ara-panahy ireny. [15]Izay ara-panahy dia mitsara ny zavatra rehetra, fa tsy iharan'ny fitsaran'ny hafa izy. [16]"Fa iza no afa-mahalala ny fisainan'ny Tompo, no ho afaka hampianatra Azy?" Fa izahay dia manana ny fisainan'i Kristy.

[1]Fanamarihana: Ny dika-teny maro hafa dia mivaky toy izao hoe: "Raha nanambara ny fijoroana vavolombelona momban'Andriamanitra aho."

3 [1]Ary izaho, ry rahalahy, dia tsy afaka niteny taminareo tahaka ny olona izay ara-panahy, fa kosa tahaka ny olona ara-nofo, tahaka ny zazakely ao amin'i Kristy. [2]Nofahanako ronono ianareo, fa tsy ventin-kanina, satria tsy vonona tamin'izany ianareo; ary na ankehitriny aza dia mbola tsy vonona amin'izany ianareo.
[3]Satria ianareo mbola araky ny nofo. Fa na aiza misy fahasarotam-piaro sy fifandirana eo aminareo, dia tsy miaina araky ny nofo ve ianareo, ary tsy mandeha amin'ny fenitry ny olombelona? [4]Fa rehefa misy iray miteny hoe: "Izaho manaraka an'i Paoly," ary ny anankiray miteny hoe: "Izaho manaraka an'i Apolosy," dia tsy miaina tahaka ny olombelona ihany ve ianareo? [5]Iza ary Apolosy? Iza Paoly? Mpanompo izay tamin'ny alalany no ninoanareo, izay nomen'ny Tompo asa avy.
[6]Izaho no namboly, Apolosy no nanondraka, fa Andriamanitra no nampitombo. [7]Ka noho izany, na izy izay mamboly na izy izay manondraka dia tsy misy dikany. Fa Andriamanitra no mampitombo.
[8]Ary izy izay mamboly sy izy izay manondraka dia iray, ary ny tsirairay dia samy hahazo ny karamany avy araka ny asany. [9]Fa izahay dia mpiara-miasa amin' Andriamanitra. Ianareo dia sahan'Andriamanitra, sy tranon'Andriamanitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Araka ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena ahy tahaka ny mpanao trano mahay, dia nametraka ny fototra aho ary hafa no manorina eo amboniny. Fa aoka ny lehilahy tsirairay hitandrina ny amin'ny fomba hanorenany eo amin'izany.
[11]Fa tsy misy olona mametraka fototra afa-tsy ilay iray izay napetraka, izany hoe, Jesosy kristy.
[12]Ankehitriny raha misy olona manorina eo ambonin'ny fototra amin'ny volamena, volafotsy, vato sarobidy, hazo, bozaka, na mololo, [13]dia haseho ny asany, fa ny andro mazava no haneho izany. Satria haseho amin'ny afo izany. Ny afo no hitsapana ny hatsaran'ny nataon'ny tsirairay.
[14]Raha mitoetra ny asan'ilay olona, dia hahazo valisoa izy; [15]fa raha may ny asan'ilay olona, dia ho fatiantoka izy, fa izy tenany dia ho vonjena, toy ny nitsoaka tamin'ny afo ihany.
[16]Tsy fantatrareo ve fa ianareo dia tempolin' Andriamanitra ary ny Fanahin'Andriamanitra no mitoetra ao aminareo?
[17]Raha misy olona manimba ny tempolin'Andriamanitra, dia hanimba izany olona izany Andriamanitra. Fa masina ny tempolin'Andriamanitra, ary toy izany koa ianareo.
[18]Aza avela hisy olona hamita-tena. Raha misy olona eo aminareo mihevitra fa hendry izy amin'izao vanim-potoana izao, avelao izy ho lasa "adala" amin'izay mba mety ho lasa hendry izy. [19]Fa ny fahendren'izao tontolo izao dia fahadalana eo amin'Andriamanitra. Satria voasoratra hoe: "Nahatratra ny hendry tao amin'ny hafetsen'izy ireo Izy." [20]Ary koa hoe: "Ny Tompo dia mahalala fa ny fihevitry ny hendry dia zava-poana."
[21]Noho izany tsy misy fireharehana momban'ny olona intsony! Fa ny zava-drehetra dia anareo, [22]na Paoly, na Apolosy, na Kefasy, na izao tontolo izao, na fiainana, na fahafatesana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy. Ny zava-drehetra dia anareo, [23]ary ianareo dia an'i Kristy, ary Kristy dia an'Andriamanitra.

4 [1]Toy izao no tokony handraisan'ny olona antsika, tahaka ny mpanompon'i Kristy ary mpitandrina ireo misterin'Andriamanitra. [2]Amin'izany fifandraisana izany, dia fepetra takiana amin'ireo mpitandrina ny maha-mendri-pitokiana azy ireo.
[3]Fa amiko dia zavatra kely dia kely ny tokony hitsaranareo na hitsaran'olombelona rehetra ahy. Fa na izaho aza tsy mitsara ny tenako. [4]Izaho dia tsy mahafantatra izay fiampangana natao tamiko, fa izany dia tsy midika fa tsy manan-tsiny aho. Ny Tompo no mitsara ahy.
[5]Noho izany, aza manonona fitsarana momban'ny zavatra rehetra mialohan'ny fotoana, mialohan'ny hiavian'ny Tompo. Izy dia hitondra ireo zava-miafin'ny haizina ho amin'ny fahazavana ary hampiseho ny fikasan'ny fo. Avy eo ny tsirairay avy dia handray ny fiderany avy amin'Andriamanitra.
[6]Ankehitriny, ry rahalahy, nampihatra ireo fitsipika ireo tamiko sy tamin'i Apolosy aho nohon'ny aminareo, mba hafahanareo mianatra avy aminay ny dikan'ny fitenenana hoe: "Aza mandeha mihoatra izay voasoratra." Izany dia mba tsy hisy iray aminareo hirehareha ny amin'ny fankasitrahana ny anankiray noho ny hafa. [7]Fa iza no mahita fahasamihafana eo aminareo sy ireo hafa? Inona no anananareo ka tsy noraisinareo maimaimpoana? Raha nandray izany maimaimpoana ianareo, nahoana ianareo no mirehareha toy ny tsy nanao toy izany?
[8]Efa anananareo daholo izay rehetra tadiavinareo! Efa lasa mpanankarena ianareo! Ary efa nanomboka nanjaka ianareo —ary izany dia tsy avy taminay! Izaho dia maniry tokoa ny nanjakanareo, mba hafahanay manjaka miaraka aminareo.
[9]Fa izaho dia mieritreritra fa Andriamanitra dia nametraka antsika ho apostoly miharihary tahaka ny farany amin'ny laharana sy tahaka ny olona voaheloka ho faty. Izahay dia lasa fampisehoana ho an'izao tontolo izao—ho an'ireo anjely, ary ny ho an'ny olombelona.
[10]Izahay dia adala nohon'ny amin'i Kristy, fa ianareo dia hendry ao amin'i Kristy. Malemy izahay, fa ianareo mahery. Ianareo dia nomem-boninahitra, fa izahay kosa tsy nalaim-baraka. [11]Mandrak'ankehitriny izahay dia noana sy mangetaheta, mahantra fitafy, voakapoka mafy, ary tsy manan-kialofana.
[12]Miasa mafy izahay, miasa amin'ny alalan'ny tananay ihany. Rehefa latsaina izahay, dia miaritra. [13]Rehefa henjehina izahay, dia mitso-drano. Rehefa voaendrikendrika izahay, dia miteny amin-katsaram-panahy. Izahay dia niova, ary mbola raisina ho, fakon'izao tontolo izao sy faikan'ny zavatra rehetra.
[14]Izaho dia tsy nanoratra ireo zavatra ireo mba hahamenatra anareo, fa manitsy anareo toy ny zanaka malalako. [15]Fa na dia manana mpiambina iray alina ao amin'i Kristy aza ianareo, dia tsy manana ray maro be. Fa izaho dia lasa rainareo ao amin'i Kristy Jesosy tamin'ny alalan'ny filazantsara. [16]Noho izany dia mamporisika anareo aho mba ho mpaka-tahaka ahy.
[17]Izany no nandefasako anareo an'i Timoty, zanaka malalako sady mahatoky ao amin'ny Tompo. Izy dia hampatsiahy anareo ireo lalako ao amin'i Kristy, tahaka ny ampianarako azy ireo na aiza na aiza sy ao amin'ny fiangonana rehetra.
[18]Ankehitriny dia lasa miavona ny sasany aminareo, manao toy ny hoe tsy ho avy any aminareo aho.
[19]Fa ho avy tsy ho ela any aminareo aho, raha sitraky ny Tompo. Ary tsy hahafantatra ny resak'ireo izay tena miavona fotsiny aho, fa hahita ny herin'izy ireo. [20]Satria ny fanjakan'Andriamanitra dia tsy mifototra amin'ny resaka fa amin'ny hery. [21]Inona no tadiavinareo? Tokony ho avy any aminareo miaraka amin'ny tsorakazo ve aho sa miaraka amin'ny fitiavana feno halemem-panahy?

5 [1]Izahay dia nahare tatitra fa misy fijangajangana eo aminareo, karazana fitondran-tena tsy mendrika izay tsy azo atao akory eo amin'ireo Jentilisa. Ny tatitra dia hoe misy iray aminareo miara-matory amin'ny vadin-drainy. [2]Ianareo dia tena miavonavona! Fa tsy tokony alahelo ve ianareo? Ny iray izay nanao izany dia tsy maintsy alàna eto aminareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Fa na dia tsy eo ara-batana aza aho fa mbola eo ara-panahy, dia efa nitsara ilay iray izay nanao izany sahady, toy ny hoe teo aho. [4]Rehefa miara-mivory amin'ny anaran'i Jesosy Tompontsika ianareo, ary ny fanahiko dia eo koa amin'ny herin'i Jesosy Tompontsika, dia efa nitsara io olona io sahady aho. [5]Nataoko izany mba hanolorana izany lehilahy izany ho an'ny Satana ho famotehana ny nofo, mba ho voavonjy ny fanahiny amin'ny andron'ny Tompo.
[6]Tsy tsara ny fireharehanareo! Tsy fantatrareo ve fa ny lalivay kely dia manova ny mofo manontolo? [7]Diovy ny tenanareo amin'ny lalivay taloha mba ho tonga mofo vaovao ianareo, ka mba ho tonga mofo tsy misy lalivay. Fa Kristy, ilay Zanak'ondrintsika tamin'ny Paska, dia natao sorona. [8]Noho izany dia aoka isika hankalaza ny firavoravoana, tsy amin'ny lalivay taloha, ilay lalivain'ny fitondran-tena ratsy sy faharatsiana. Fa kosa, aoka isika hankalaza amin'ny mofo tsy misy lalivain'ny fahadiovam-po sy fahamarinana.
[9]Izaho dia nanoratra ho anareo tao amin'ny taratasiko mba tsy hiarahanareo miasa amin'ireo olona mpijangajanga.
[10]Kanefa ny tiako ambara dia tsy ny olona mpijanganjaga rehetra eto amin'izao tontolo izao, na ireo tsy mahonon-tena, na ireo mpisoloky, na ireo mpanompo sampy, satria mba hialana amin'izy ireo dia mila miala amin'izao tontolo izao ianareo.
[11]Nefa ankehitriny aho manoratra ho anareo mba tsy hiara-hiasa miaraka amin'iza na iza izay antsoina hoe rahalahy nefa miaina ao anatin'ny fijangajangana, na izay tsy mahonon-tena, na mpanompo sampy, na mpiteny ratsy, na mpimamo, na mpisoloky. Aza mihinana sakafo miaraka amin'ny olona toy izany akory. [12]Fa ahoana no idirako amin'ny fitsarana ireo izay any ivelan'ny fiangonana? Mifanohitra amin'izany, ianareo ve tsy tokony hitsara ireo izay ao anatin'ny fiangonana?
[13]Fa Andriamanitra dia mitsara ireo izay any ivelany. "Esory eo aminareo ny olon-dratsy."

6 [1]Rehefa misy iray aminareo manana ady amin'iray hafa, sahy handeha any amin'ny fitsarana eo anatrehan'ny mpitsara tsy mpino ve izy, fa tsy eo anatrehan'ireo mpino? [2]Moa tsy fantatrareo ve fa ireo mpino no hitsara an'izao tontolo izao? Raha izany, ianareo no hitsara an'izao tontolo izao, moa tsy mahavita mandamina raharaha madinika ve ianareo? [3]Moa tsy fantatrareo ve fa hitsara ireo anjely isika? Toy ny ahoana, noho izany, ny fihoaran'ny fahafahantsika mitsara ireo raharaha amin'ity fiainana ity?
[4]Raha toa ary ka afaka mitsara ny zavatra izay miseho amin'ny andavanandrom-piainana ianao, nahoana ianao no mametraka karazana tranga tahaka izany eo anatrehan'ireo izay tsinontsinona ao amin'ny fiangonana? [5]Hahamenatra anareo no hilazako izany. Moa ve tsy mba misy ampy fahendrena na dia iray akory aza eo aminareo handamina ny disadisa eo amin'ny mpirahalahy? [6]Fa kosa, misy mpino iray mandeha mifanatrika amin'ny mpino hafa eo amin'ny fitsarana, ary izany raharaha izany dia hapetraka eo anatrehan'ny mpitsara izay tsy mpino!
[7]Ny fisian'ny ady eo aminareo Kristiana rehetra dia efa faharesena ho anareo sahady. Fa tsy aleo ve mijaly amin'ny fahadisoana? Fa tsy aleo ve avela ho voafitaka ny tenanareo? [8]Fa ianareo dia nandiso sy namitaka ireo hafa, ary dia rahalahinareo ihany izy ireo!
[9]Moa ve tsy fantatrareo fa ny tsy marina dia tsy handova ny Fanjakan'Andriamanitra? Aza mino lainga. Ireo vetaveta, ireo mpanompo sampy, ireo mpijangajanga, ireo lehilahy mpivaro-tena, ireo izay miara-mandry amin'ny samy lehilahy, [10]ireo mpangalatra, ireo tsy mahalala onona, ireo mpimamo, ireo mpanaratsy, ireo mpanao an-keriny—tsy misy iray amin'izy ireo handova ny fanjakan'Andriamanitra. [11]Toy izany ny sasany aminareo. Fa efa voadio ianareo, nohamasinina ianareo, ary voamarina teo amin'Andriamanitra ianareo tamin'ny anaran'ny Tompo Jesosy Kristy sy tamin'ny Fanahin'Andriamanitsika.
[12]"Ny zavatra rehetra dia ara-dalàna amiko," fa tsy ny zavatra rehetra no mahasoa. "Ny zavatra rehetra dia ara-dalàna amiko," fa tsy ho andevozin'ny iray amin'ireo aho. [13]"Ny hanina dia ho an'ny kibo, ary ny kibo natao ho an'ny hanina," fa Andriamanitra dia hanafoana azy roa ireo. Ny vatana dia tsy natao ho an'ny fijangajangana. Fa kosa, ny vatana dia natao ho an'ny Tompo, ary ny Tompo dia hanome ho an'ny vatana.
[14]Andriamanitra dia efa nanangana ny Tompo sady hanangana antsika amin'ny heriny koa. [15]Moa tsy fantatrareo ve fa ny tenanareo dia rantsam-batan'i Kristy? Ka ho entiko ve izany ireo rantsam-batan'i Kristy ary hampiray azy ireo amin'ny mpivaro-tena? Tsy hisy anie izany!
[16]Moa tsy fantatrareo ve fa izay miray amin'ny mpivaro-tena dia lasa nofo iray aminy? Tahaka ny voalazan'ny Soratra Masina hoe: "Ho nofo iray ihany izy roa." [17]Fa izy izay miray amin'ny Tompo dia lasa fanahy iray Aminy.
[18]Hialao ny fijangajangana! Ny fahotana rehetra hafa izay ataon'ny olona dia ivelan'ny tena, fa ny olona mpijangajanga dia manota ho amin'ny tenany ihany.
[19]Moa ve tsy fantatrareo fa ny vatanareo dia tempolin'ny Fanahy Masina, izay monina ao anatinareo, izay azonareo avy amin'Andriamanitra? Moa tsy fantatrareo ve fa tsy anareo ny tenanareo? [20]Fa olom-boavidy ianareo. Noho izany dia mankalazà an' Andriamanitra amin'ny tenanareo.[1]

[1]Fanamarihana: Ireo dika-teny taloha sasany dia mivaky toy izao hoe: "Noho izany mankalazà an'Andriamanitra amin'ny tenanareo sy amin'ny fanahinareo, izay an' Andriamanitra." Fa ny dika-teny tsara indrindra dia tsy mivaky toa an'io.

7 [1]Ary mahakasika ireo olana izay nosoratanareo momban'ny hoe: "Tsara ho an'ny lehilahy ny tsy mikasika vehivavy."
[2]Nefa noho ireo fakam-panahy amin'ny fahavetavetana maro isan-karazany, dia tokony hanana ny vadiny manokana avy ny lehilahy tsirairay, ary ny vehivavy tsirairay dia tokony hanana ny vadiny manokana avy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Ny lehilahy dia tokony hanome ireo zo ara-panambadiana ho an'ny vadiny, ary toy izany koa ny vehivavy ho an'ny vadiny. [4]Tsy ny vehivavy no manana fahefana amin'ny vatany manokana, fa ny vadiny. Toy izany koa, tsy ny lehilahy no manana fahefana amin'ny vatany manokana, fa ny vadiny no manana.
[5]Aza mifanakatsakana ianareo tsirairay, afa-tsy amin'ny fifanarahana nifanaovana ary amin'ny fotoana voatokana. Ataovy izany mba hafahanareo manokan-tena amin'ny vavaka. Avy eo dia tokony hiara-hatory indray ianareo, mba tsy hafahan'ny Satana maka fanahy anareo nohon'ny tsy fanananareo fifehezan-tena. [6]Kanefa izaho dia milaza ireo zavatra ireo aminareo am-pahalalahana fa tsy didy akory. [7]Iriko ny olona rehetra ho toa ahy. Fa ny tsirairay dia samy manana ny fanomezam-pahasoavany manokana avy amin'Andriamanitra. Ny iray manana ity karazam-panomezam-pahasoavana ity, ary ny iray hafa manana karazany hafa koa.
[8]Ho an'ireo izay tsy manambady sy ireo mpitondratena dia miteny aho fa tsara ho azy ireo raha mijanona tsy manambady izy ireo, tahaka ahy. [9]Kanefa izy ireo raha tsy afaka mamehy tena, dia tokony hanambady. Satria tsara kokoa ho azy ireo ny manambady toy izay ampirehetin'ny filàna ara-nofo.
[10]Ary ho an'ireo izay manambady dia manome izao didy izao aho—tsy izaho, fa ny Tompo—ny vehivavy dia tsy tokony hisaraka amin'ny vadiny, [11](fa raha toa izy ka misaraka amin'ny vadiny, dia tokony hijanona tsy hanambady na koa miverina mihavana amin'ny vadiny) —ary ny lehilahy dia tsy tokony hisaraka amin'ny vadiny.
[12]Fa ho an'ny sisa dia milaza aho—izaho, fa tsy ny Tompo—hoe raha misy rahalahy iray manana vady tsy mpino, ary raha mahafaly azy ny miara-miaina aminy, dia tsy tokony hisaraka amin'ny vadiny izy. [13]Raha ny vehivavy iray no manana vady tsy mpino, ary raha mahafaly azy ny miara-miaina aminy, dia tsy tokony hisaraka amin'ny vadiny izy. [14]Satria ny lehilahy tsy mpino dia natokana noho ny amin'ny vadiny, ary ny vehivahy tsy mpino dia natokana nohon'ny amin'ny rahalahy. Fa raha tsy izany dia ho maloto ny zanakareo, nefa raha ny marina dia efa voatokana izy ireo.
[15]Fa raha ny vady tsy kristianina no mandao, avelao izy andeha. Amin'ny toe-javatra toy izany, ny rahalahy na ny rahavavy dia tsy voafatotr'ireo voadin'izy ireo. Andriamanitra dia niantso antsika mba hiaina am-piadanana. [16]Fa amin'ny fomba ahoana no ahalalanao, ry vehivavy, raha ho voavonjinao ny vadinao? Na amin'ny fomba ahoana no ahalalanao, ry lehilahy, raha ho voavonjinao ny vadinao?
[17]Fa avelao fotsiny ny tsirairay avy hiaina ny fiainana izay efa nanendren'ny Tompo azy, ary araka ny efa niantsoan'Andriamanitra azy. Io no fitsipiko ao amin'ny fiangonana rehetra. [18]Efa voafora ve ny olona iray rehefa nantsoina mba hino? Izy dia tsy tokony hiezaka ny hisehoseho tahaka ny tsy voafora. Tsy voafora ve ny olona iray rehefa nantsoina ho amin'ny finoana? Tsy tokony ho foraina izy. [19]Satria tsy ny famorana na ny tsy famorana no zava-dehibe. Ny zava-dehibe dia ny fankatoavana ireo didin'Andriamanitra.
[20]Ny tsirairay avy dia tokony hijanona amin'ny fiantsoana izay nisy azy rehefa nantsoin'Andriamanitra mba hino izy.
[21]Andevo ve ianao fony Andriamanitra niantso anao? Aza miahiahy ny amin'izany. Fa raha mety ho afaka ianao, dia araraoty izany. [22]Satria ny olona iray izay nantsoin'ny Tompo ho andevo dia olona afaky ny Tompo. Toy izany koa ny olona izay afaka fony izy nantsoina mba hino dia andevon'i Kristy. [23]Ianareo dia voavidy, noho izany dia aza tonga toy ireo andevon'ny olona. [24]Ry rahalahy, na inona na inona fiainana nisy antsika tsirairay fony isika nantsoina mba hino, dia aoka isika hijanona ho toy izany.
[25]Ary mahakasika ireo izay tsy nanambady mihitsy, izaho dia tsy manana didy avy any amin'ny Tompo. Nefa izaho dia manome ny hevitro tahaka ny iray izay, amin'ny alalan'ny famindram-pon'ny Tompo, dia mendri-pitokisana. [26]Noho izany, mieritreritra aho fa nohon' ny loza izay ho avy, dia tsara ho an'ny lehilahy ny mijanona amin'ny maha izy azy.
[27]Voafatotra amin'ny vehivavy ve ianareo? Aza mitady ny ho afaka aminy. Afaka amin'ny vadinao ve ianao? Aza mitady vady. Nefa raha manambady ianareo, dia tsy nanota. [28]Raha ny vehivavy tsy manambady no manambady, dia tsy nanota izy. Nefa ireo izay manambady dia hanana karazan'olana maro raha mbola velona, ary izaho dia te hanala anareo amin'izany.
[29]Fa izao no lazaiko, ry rahalahy: Fohy ny fotoana. Manomboka izao, aleo ireo izay efa manam-bady hiaina ho tahaka ny tsy manana. [30]Ireo izay mitomany dia tokony hanao ho tahaka ny tsy mitomany, ireo izay mifaly ho tahaka ny tsy mifaly, ary ireo izay mividy ho tahaka ny tsy manana na inona na inona; [31]ary ireo izay mampiasa izao tontolo izao dia tsy tokony hanao tahaka ny mampiasa izany tanteraka. Satria izao tontolo izao amin'ny endriny ankehitriny dia ho tonga amin'ny fiafarana.
[32]Tiako ianareo ho afaka amin'ireo ahiahy. Ny lehilahy tsy manambady dia miahiahy ny amin'ny ireo zavatry ny Tompo, ny amin'ny fomba hampifaliana Azy. [33]Fa ny lehilahy manambady dia miahiahy ny amin'ny zavatr'izao tontolo izao, ny amin'ny fomba hampifaliana ny vadiny— [34]mizarazara izy. Ny vehivavy tsy manambady na virijiny dia miahiahy ny amin'ny zavatry ny Tompo, ny amin'ny fomba hanokanana amin'ny tena sy ny fanahy. Fa ny vehivavy manambady dia miahiahy ny amin'ny zavatr'izao tontolo izao, ny amin'ny fomba hampifaliana ny vadiny.
[35]Lazaiko izany ho an'ny tombotsoanareo manokana, fa tsy hametraka izay rehetra sakantsakana eo aminareo. Milaza izany aho noho izay marina, amin'izay ianareo mba hanolo-tena ho an'ny Tompo tsy misy fanelingelenana.
[36]Nefa raha misy olona iray mihevitra fa tsy mitondra ny fofom-badiny am-panajana—raha mihoatra ny taonan'ny fanambadiana ilay vehivavy ary tsy maintsy toy izany—dia tokony hanao izay tiany izy. Tsy manota izy. Tokony hivady izy ireo. [37]Nefa raha nikasa tsara tao am-pony izy, raha toa ka tsy ambany faneriterena fa afaka mifehy ny sitrapony manokana, ary raha nanapa-kevitra tao am-pony izy ny hanao izany, mba hitazomana ny fofombadiny ho virijiny, dia

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tsara ny ataony. [38]Koa izay manambady ny fofombadiny dia manao ny tsara, ary izay misafidy ny tsy hanambady dia hanao ny tsaratsara kokoa aza.
[39]Ny vehivavy dia voafatotry ny vadiny raha mbola velona ralehilahy. Fa raha maty ny vadiny, dia malalaka tsara izy ny hanambady izay tiany ho vadiana, nefa ao amin'ny Tompo ihany. [40]Nefa amin'ny fitsarako dia tokony ho faly kokoa izy raha miaina amin'izao ihany. Ary heveriko fa izaho ihany koa dia manana ny Fanahin' Andriamanitra.

8 [1]Ary mahakasika ny hanina atao sorona ho an'ny sampy—fantantsika fa: "Isika rehetra dia manam-pahalalana." Ny fahalalana mampirehareha, fa ny fitiavana manangana. [2]Raha misy olona iray mihevitra ny tenany fa mahafanta-javatra, dia mbola tsy mahafantatra araka izay tokony hahafantarany akory izany olona izany. [3]Fa raha misy olona iray tia an'Andriamanitra, dia fantany izany olona izany.
[4]Koa raha ny mahakasika ny fihinanana sakafo natao sorona ho an'ny sampy—dia fantantsika fa "ny sampy eto amin'izao tontolo izao dia tsinontsinona" ary "fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy iray ihany." [5]Fa mety misy ireo mody antsoina hoe andriamanitra, na any an-danitra na ety an-tany, toy ny hamaron'ireo "andriamanitra" sy ny hamaron'ireo "tompo." [6]Fa ho antsika, "Iray ihany no Andriamanitra dia ilay Ray, izay avy aminy ny zavatra rehetra, ary Izy no antony hivelomantsika, ary iray no Tompo Jesosy Kristy, izay tamin'ny alalany no nisian'ny zavatra rehetra, ary tamin'ny alalany no nisiantsika."
[7]Na izany aza, izany fahalalana izany dia mbola tsy ao amin'ny tsirairay. Fa kosa, ny sasany teo aloha dia nampihatra ny fanompoan-tsampy, dia nihinana izany sakafo izany toy ny hoe zavatra natao sorona ho an'ny sampy izany. Noho izany dia simba ny fieritreretan'izy ireo satria malemy izany.
[8]Fa tsy ny hanina no hanolotra antsika eo amin'Andriamanitra. Fa tsy ratsy indrindra isika raha tsy mihinana, na koa hoe tsara kokoa raha mihinana izany. [9]Tandremo mba tsy ny fahalalanareo no antony hahatonga ireo olona osa ara-pinoana ho tafintohina. [10]Fa ataovy toy ny hoe misy mahita ianao, izay manam-pahalalana, mihinana ny sakafo ao amin'ny tempolin'ny sampy. Tsy ny fahalemen'ny fieritreretany ve no nasahiany hihinana izay natolotra ho an'ny sampy?
[11]Koa nohon'ny fahalalanao ny toetra marina momba ny sampy, dia very ilay rahalahy malemy finoana iray, izay nahafatesan'i Kristy. [12]Noho izany, rehefa manota amin'ny rahalahinareo ianareo ka mandratra ny saina malemin'izy ireo, dia manota manohitra an'i Kristy ianareo. [13]Noho izany, raha ny sakafo no mahatonga ny rahalahiko ho tafintohina, dia tsy hihinan-kena intsony aho, mba tsy avy amiko no hahalavo ny rahalahiko.

9 [1]Tsy olona afaka ve aho? Tsy apostoly ve aho? Tsy nahita an'i Jesosy Tompontsika ve aho? Tsy asako ao amin'ny Tompo ve ianareo? [2]Raha tsy apostoly ho an'ny hafa aho, dia farafaharatsiny Apostoly ho anareo. Fa ianareo no porofo amin'ny maha-apostoly ahy ao amin'ny Tompo.
[3]Izao no fiarovako amin'ireo izay manadihady ahy: [4]Moa ve izahay tsy mahazo alalana ny hihinana sy hisotro? [5]Moa ve izahay tsy mahazo mitondra vady izay mpino, tahaka ny ataon'ireo apostoly sasany, sy ireo rahalahin'ny Tompo, ary Kefasy? [6]Sa Barnabasy sy izaho irery no tsy maintsy miasa?
[7]Iza no manao fanompoana miaramila amin'ny fandaniany manokana? Iza no mamboly voaloboka ary tsy mihinana ny voany? Na iza no miandry ondry ka tsy misotro ny ronono avy amin'izany? [8]Moa ve izaho milaza ireo zavatra ireo mifototra amin'ny fahefan'ny olombelona? Tsy milaza izany koa ve ny lalàna?
[9]Fa izany dia efa voasoratra ao amin'ny lalàn'i Mosesy hoe: "Aza asiana fehi-vava ny omby rehefa miely voa izy." Tena ilay omby tokoa ve no hiahian'Andriamanitra? [10]Tsy miresaka momba anay ve izy? Efa nosoratana ho antsika, fa izay miasa tany dia tokony hiasa amin'ny fanantenana, ary izay mively dia tokony hively amin'ny fanantenana ny hahazo anjara amin'ny vokatra. [11]Raha namafy zavatra ara-panahy teo aminareo izahay, moa be loatra aminay ve ny mijinja zavatra ara-materialy avy aminareo?
[12]Raha mampihatra izany zo izany avy aminareo ireo hafa, moa ve izahay tsy manana mihoatra? Na dia izany aza, tsy nitaky izany zo izany izahay. Fa kosa, naleonay niaritra ny zavatra rehetra toy izay ho sakana ho an'ny filazantsaran'i Kristy. [13]Moa ve tsy fantatrareo fa ireo izay manompo ao amin'ny tempoly dia mahazo ny sakafon'izy ireo avy ao amin'ny tempoly? Ary moa ve tsy fantatrareo fa ireo izay manompo eny amin'ny alitara dia mahazo anjara amin'izay natao fanatitra teo amin'ny Alitra? [14]Toy izany koa, ny Tompo dia nandidy fa ireo izay mitory ny filazantsara dia tokony hahazo ny fiveloman'izy ireo avy amin'ny filazantsara.
[15]Nefa tsy nitaky ny iray tamin'ireo zo ireo aho. Ary tsy manoratra an'izao aho mba mba mety hisy zavatra hatao ho ahy. Aleoko maty toy izay hisy olona hanaisotra amiko izany rehareha izany. [16]Fa raha mitory ny filazantsara aho, dia tsy misy antony tokony ireharehako, satria tsy maintsy manao izany aho. Ary loza ho ahy raha tsy mitory ny filazantsara aho!
[17]Fa raha manao izany an-tsitrapo aho, dia manana valisoa. Fa raha tsy an-tsitrapo kosa, dia mbola manana ny andraikitra izay nankinina tamiko aho. [18]Inona ary izany no valisoako? Izany dia rehefa mitory aho, dia afaka manolotra ny filazantsara tsy misy fandoavam-bola ka mba tsy hampiasa tanteraka ny zoko amin'ny filazantsara.
[19]Fa na dia afaka amin'ny rehetra aza aho, dia tonga ho mpanompo ho an'ny rehetra, mba hahazoako bebe kokoa. [20]Teo amin'ny Jiosy dia lasa toy ny Jiosy aho, mba hahazoako ny Jiosy. Teo amin'ireo izay ambanin'ny lalàna, dia lasa toy ny olona izay ambanin'ny lalàna aho mba hahazoako ireo izay ambanin'ny lalàna. Nanao izany aho na dia tsy teo ambanin'ny lalàna aza ny tenako.[1]

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[21]Tamin'ireo izay ivelan'ny lalàna, dia lasa toy ny olona ivelan'ny lalàna aho, na dia tsy ivelan'ny lalàn'Andriamanitra aza ny tenako, fa ambanin'ny lalàn'i Kristy. Nanao izany aho mba hahazoako ireo izay ambanin'ny lalàna. [22]Teo amin'ireo malemy dia lasa malemy aho, mba hahazoako ireo malemy. Tonga zavatra rehetra ho an'ny olona rehetra aho, mba hamonjeko ny sasany amin'ny fomba rehetra. [23]Manao ny zavatra rehetra aho ho an'ny filazantsara, mba hafahako mandray anjara amin'ireo fitahian'izany.
[24]Moa ve tsy fantatrareo fa amin'ny fihazakazahana iray ny mpihazakazaka rehetra dia manao ny fihazakazahana, nefa iray ihany no mahazo ny loka? Koa mihazakazaha mba hahazo ny loka. [25]Ny atileta iray dia mampihatra ny fifehezan-tena amin'ny fanazaran-tenany rehetra. Manao izany izy ireo mba handray satro-boninahita izay mety simba, kanefa kosa isika mihazakazaka mba hahazoantsika satro-boninahitra tsy mety simba. [26]Ka noho izany dia tsy mihazakazaka amin'ny tsy misy antony aho na mamely totohondry amin'ny rivotra. [27]Fa feheziko ny tenako ary ataoko andevo, mba tsy ho lavina ny tenako, rehefa avy nitory tamin'ny hafa aho.

---

[1]Fanamarihana: Ny baiboly ULB sy ny UDB dia mivaky hoe: "Nanao izany aho na dia tsy teo ambanin'ny lalàna aza ny tenako." Ny dikan-teny taloha sasany dia tsy manisy izany.

---

10 [1]Tiako ho fantatrareo, ry rahalahy, fa ireo raintsika dia tao ambanin'ny rahona avokoa ary namakivaky ny ranomasina. [2]Ny rehetra dia natao batisa ho amin'i Mosesy tao amin'ny rahona sy tao amin'ny ranomasina, [3]ary ny rehetra dia samy nihinana sakafom-panahy mitovy. [4]Ny rehetra dia nisotro ranom-panahy mitovy. Fa izy ireo dia nisotro tamin'ny vatolampim-panahy izay nanaraka azy ireo, dia Kristy izany vatolampy izany.
[5]Fa Andriamanitra dia tsy nankasitraka tsara ny ankamaroan'izy ireo, ary ny fatin'izy ireo dia naparitaka tany an'efitra.
[6]Ankehitriny ireny zavatra ireny dia ohatra ho antsika, mba tsy haniriantsika zava-dratsy toy ny nilan'izy ireo.
[7]Aza manompo sampy, toy ny sasany tamin'izy ireo. Izany dia araka izay voasoratra hoe: "Ireo olona nipetraka mba hihinana sy hisotro, ary nitsangana mba hilalao." [8]Aoka isika tsy hijangajanga, toy ny nataon'ny maro tamin'izy ireo. Tao anatin'ny iray andro, dia olona telo arivo sy roa alina no maty nohon'ny amin'izany.
[9]Aoka ihany koa isika tsy hitsapa an'i Kristy, toy ny nataon'ny maro tamin'izy ireo ka naringan'ireo menarana. [10]Aza mimonomonona ihany koa, toy ny nataon'ny maro tamin'izy ireo ka naringan'ny anjelin'ny fahafatesana.
[11]Ary ireny zavatra ireny no nitranga tamin'izy ireo mba ho ohatra ho antsika. Nosoratana mba ho fampianarana antsika izy ireny—ho amintsika izay niavian'ny fara-andro. [12]Noho izany aoka izay mieritreritra ny tenany ho efa mijoro mitandrina tsara mba tsy hianjera. [13]Tsy nisy fakam-panahy nahatratra anareo izay tsy iraisan'ny olombelona rehetra. Fa kosa, Andriamanitra dia mahatoky. Tsy hamela anareo ho alaim-panahy mihoatra izay zakanareo Izy. Miaraka amin'ny fakam-panahy dia hanome anareo ny lalana hitsoahana ihany koa Izy, mba hafahanareo miaritra izany.
[14]Noho izany, ry malalako, mandosira lavitry ny fanompoan-tsampy. [15]Miteny aminareo toy ny olona manan-tsaina aho, mba hafahanareo mitsara izay lazaiko. [16]Ny kapoakan'ny fisaorana izay isaorantsika, moa ve izany tsy fiombonana amin'ny ràn'i Kristy? Ny mofo izay vakiantsika, moa ve izany tsy fiombonana amin'ny vatan'i Kristy? [17]Satria iray ihany ny mofo, isika izay maro dia vatana iray. Isika rehetra dia mandray amin'ny mofo iray ihany.
[18]Jereo ireo vahoakan'Israely: moa ve ireo izay mihinana ireo fanatitra tsy mpandray anjara eo amin'ny alitara? [19]Inona ary no ho lazaiko? Hoe tsy misy dikany ve izany ny sampy? Sa ny sakafo izay natao fanatitra tamin'ny sampy no tsy misy dikany?
[20]Fa miresaka momban'ny zavatra izay ataon'ireo Jentilisa mpanompo sampy fanatitra aho, fa omen'izy ireo an'ireo demonia ireny zavatra ireny fa tsy an' Andriamanitra. Tsy tiako ianareo ho mpiombona amin'ny demonia! [21]Tsy afaka misotro ny kapoakan' ny Tompo sy ny kapoakan'ny demonia ianareo. Tsy afaka miray eo amin'ny latabatry ny Tompo sy ny latabatr'ireo demonia ianareo. [22]Sa manao izay mahasaro-piaro ny Tompo ve isika? Mahery noho Izy ve isika?
[23]"Ny zavatra rehetra dia ara-dalàna," fa tsy ny zavatra rehetra no mahasoa. "Ny zavatra rehetra dia ara-dalàna," fa tsy ny zavatra rehetra no mampandroso ny olona. [24]Tsy misy tokony hitady ny tombontosoany manokana. Fa kosa, ny tsirairay dia tokony hitady ny tombotsoan'ny namany.
[25]Afaka mihinana izay rehetra amidy eny an-tsena ianareo, fa aza manontany ny fieritreretana. [26]Fa "An'ny Tompo ny tany, sy izay rehetra misy eo aminy." [27]Raha misy tsy mpino manasa anareo hisakafo, ka maniry ny handeha ianareo, dia hano izay rehetra mipetraka eo anoloanareo ka aza mametra-panontaniana ny amin'ny fieritreretana.
[28]Fa raha misy miteny aminao hoe: "Ity sakafo ity dia avy amin'ny fanatitry ny mpanompo sampy," dia aza mihinana izany. Izany dia ho an'ilay nampahafantatra anareo, sy ho an'ny fieritreretana.[1] [29]Tsy miteny aho hoe ny fieritreretanao manokana, fa ny fieritreretan'ny olon-kafa. Nahoana ny fahafahako no tokony ho tsarain'ny fieritreretan'ny hafa? [30]Raha mandray anjara amin'ny sakafo am-pankasitrahana aho, nahoana no tevatevaina amin'izay nanomezako fisaorana?
[31]Noho izany, na mihinana na misotro ianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr' Andriamanitra avokoa. [32]Aza manome fanafintohinana ny Jiosy na ny Grika, na ny fiangonan'Andriamanitra. [33]Miezaka ny hahafaly ny olon-drehetra amin'ny zavatra rehetra aho. Tsy mitady ny tombontsoako aho, fa ny an'ny maro. Ataoko izany mba ho voavonjy izy ireo.

---

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Fanamarihana: Ny dika-teny taloha sasany dia manampy hoe: "Fa ny tany sy ny zavatra rehetra ao aminy dia an'ny Tompo." Fa ny dikan-teny tsara indrindra dia tsy misy izany.

11 [1]Alao tahaka aho, toa ahy mpaka tahaka an'i Kristy. [2]Ary midera anareo aho satria mahatsiaro ahy amin'ny zavatra rehetra ianareo. Midera anareo aho satria mitazona mafy ny fombafomba araka izay nanolorako azy ireo teo aminareo ianareo. [3]Ary tiako ho azonareo fa Kristy no lohan'ny lehilahy rehetra, fa ny lahy no lohan'ny vavy, ary Andriamanitra no lohan'i Kristy. [4]Ary manala voninahitra ny lohany ireo lehilahy izay mivavaka na maminany ka misaron-doha.
[5]Fa manala voninahitra ny lohany ireo vehivavy izay mivavaka na maminany tsy misaron-doha. Fa tsy hafa ary mitovy amin'ny hoe vehivavy manaratra ny lohany izany. [6]Fa raha tsy misaron-doha ny vehivavy, dia tokony tapahina ho fohy ny volony. Raha mahamenatra ny vehivavy ny manapaka ny volony na ny manaratra ny lohany, dia aoka izy hanarona ny lohany.
[7]Fa tsy tokony hanarona ny lohany ny lehilahy, satria izy no sary sy voninahitr'Andriamanitra. Fa ny vehivavy dia voninahitry ny lehilahy. [8]Fa ny lehilahy dia tsy natao avy tamin'ny vehivavy. Fa kosa, ny vehivavy no natao avy tamin'ny lehilahy.
[9]Fa tsy misy lehilahy noforonina ho an'ny vehivavy. Fa kosa, ny vehivavy no noforonina ho an'ny lehilahy. [10]Izany no tokony hananan'ny vehivavy ny mariky ny fahefana eo amin'ny lohany, noho ireo anjely.
[11]Na izany aza, ao amin'ny Tompo, tsy mahaleo-tena amin'ny lehilahy ny vehivavy, na ny lehilahy mahaleo-tena amin'ny vehivavy. [12]Fa raha avy amin'ny lehilahy ny vehivavy, dia ny lehilahy koa dia avy amin'ny vehivavy. Ary avy amin'Andriamanitra ny zava-drehetra.
[13]Tsarao ny tenanareo: Mety amin'ny vehivavy ve ny mivavaka amin'Andriamanitra tsy misaron-doha? [14]Tsy ny natiora mihitsy aza ve no mampianatra anareo fa raha ny lehilahy no lava volo, dia fahafaham-baraka ho azy izany? [15]Tsy mampianatra anareo ve ny natiora fa raha ny vehivavy no lava volo, dia voninahitra ho azy izany? Fa nomena azy ny volony mba hanaronana azy. [16]Fa raha misy te-hiady hevitra amin'izany, dia tsy manana fampiharana hafa izahay, na ireo fiangonan'Andriamanitra.
[17]Fa anatin’ireo torolalana manaraka, dia tsy midera anareo aho. Fa rehefa miara-tonga ianareo, dia tsy ho amin'ny tsara izany fa ho amin'ny ratsy indrindra. [18]Fa tamin'ny voalohany indrindra, dia reko fa rehefa miaraka miangona ao amin'ny fiangonana ianareo, dia misy fizarazarana eo aminareo, ary mino izany amin'ny ampahany aho. [19]Fa tsy maintsy misy fitsitokotokoana eo aminareo, mba hankasitrahana eo aminareo ireo izay nekena.
[20]Fa rehefa miangona ianareo, dia tsy ny Fanasan'ny Tompo no hoaninareo. [21]Rehefa mihinana ianareo, dia samy mihinana ny sakafony manokana ny tsirairay alohan'ny hisakafoan'ireo hafa. Noana ny iray, ary ny hafa lasa mamo. [22]Tsy manana trano isakafoana sy isotroana ve ianareo? Ho tsinontsiniavinareo ve ny fiangonan'Andriamanitra ka hahetrinareo izay tsy manana na inona na inona? Inona no tokony ho teneniko aminareo? Tokony hidera anareo ve aho? Tsy hidera anareo amin'izany aho!
[23]Fa noraisiko avy amin'ny Tompo ihany koa izay ampitaiko anareo, fa Jesosy Tompo, tamin'ny alina izay namadihana Azy, dia naka mofo. [24]Rehefa avy nisaotra Izy, dia nanapaka izany ary niteny hoe: "Ity ny vatako, izay ho anareo. Ataovy izao ho fahatsiarovana Ahy."
[25]Mitovy amin'izay koa dia noraisiny ny kapoaka rehefa avy nisakafo hariva, ary niteny Izy hoe: "Ity kapoaka ity no fanekena vaovao ao amin'ny ràko. Ataovy izao na oviana na oviana ianareo no misotro, ho fahatsiarovana Ahy."
[26]Amin'ny fotoana rehetra izay hinananareo ity mofo ity sy hisotronareo amin'ity kapoaka ity, dia manambara ny fahafatesan'ny Tompo mandra-piaviny ianareo.
[27]Na iza na iza, noho izany, mihinana ny mofo na misotro amin'ny kapoakan'ny Tompo amin'ny fomba tsy mendrika, dia ho meloka ny amin'ny vatana sy ny ràn'ny Tompo. [28]Aoka handinika ny tenany aloha ny olona, ary amin'izany dia aoka hihinana ny mofo ary hisotro amin'ny kapoaka izy. [29]Fa izy izay mihinana sy misotro ka tsy mahafantatra ny vatana, dia mihinana sy misotro fitsarana ho an'ny tenany. [30]Izany no mahatonga ny maro aminareo ho osa sy marary, ary ny sasany aminareo ho faty.
[31]Fa raha mandinin-tena isika, dia tsy ho tsaraina. [32]Fa rehefa voatsaran'ny Tompo isika, dia mpanara-dalàna, mba tsy ho voaheloka miaraka amin'izao tontolo izao.
[33]Noho izany, ry rahalahiko, rehefa miangona mba hihinana ianareo, dia mifampiandrasa. [34]Raha misy olona iray noana, aoka izy hihinana any an-trano, amin'izay rehefa miangona ianareo dia tsy ho amin'ny fitsarana izany. Ary mahakasika ireo zavatra hafa izay nosoratanareo, dia hanome toro-lalana aho rehefa tonga.

12 [1]Momba ireo fanomezam-panahy, ry rahalahy, dia tsy tiako tsy ahafantatra ianareo. [2]Fantatrareo fa fony ianareo mpanompo sampy, dia voavily nankany amin'ireo sampy tsy manam-peo ianareo, tany amin'izay lalana rehetra nitarihin'ireny anareo. [3]Noho izany tiako ho fantatrareo fa tsy misy olona izay miteny amin'ny Fanahin'Andriamanitra afaka miteny hoe: "Jesosy dia voaozona." Tsy misy afaka miteny hoe: "Jesosy dia Tompo," afa-tsy amin'ny alalan'ny Fanahy Masina.
[4]Ary misy fanomezam-panahy samihafa, fa Fanahy mitovy ihany. [5]Misy fanompoana samihafa, fa Tompo mitovy ihany; [6]ary misy karazan'asa samihafa, fa Andriamanitra mitovy ihany no manao azy ireo ho azo atao amin'ny tsirairay.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Ary ho an'ny tsirairay no nomena ny fanehoana ivelan'ny Fanahy ho an'ny tombontsoan'ny rehetra. [8]Fa ho an'ny olona iray dia nomena avy amin'ny Fanahy ny tenin'ny fahendrena, ary ho an'ny iray hafa ny tenin'ny fahalalana amin'ny alalan'ny Fanahy mitovy ihany.
[9]Ho an'ny iray hafa dia nomena ny finoana amin'ny alalan'ny Fanahy mitovy, ary ho an'ny iray hafa ireo fanomezam-pahasoavana hanasitrana amin'ny alalan'ny Fanahy iray. [10]Ho an'ny iray hafa dia nomena ireo asan'ny hery, ary ho an'ny iray hafa faminaniana. Ho an'ny iray hafa dia nomena ny fahafahana manavaka ireo fanahy, ho an'ny iray hafa ireo karazana fiteny samihafa, ary ho an'ny iray hafa ny fandikana teny. [11]Fa ny Fanahy iray sy mitovy ihany no miasa ao amin'izany rehetra izany, manome ireo fanomezam-panahy ho an'ny olona tsirairay avy, araka izay nofidiany.
[12]Fa satria ny vatana dia iray ary manana rantsana maro ary ny rehetra dia rantsan'ilay vatana ihany, noho izany dia miaraka amin'i Kristy izany. [13]Fa tamin'ny alalan'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ho vatana iray, na ireo Jiosy na ireo Grika, na voafatotra na afaka, ary ny rehetra dia natao mba hisotro amin'ny Fanahy iray.
[14]Fa ny vatana dia tsy rantsana tokana, fa maro. [15]Raha miteny ny tongotra hoe: "Satria tsy tanana aho, dia tsy rantsana amin'ny vatana aho," izany dia tsy kely amin'ny rantsan'ny vatana akory. [16]Ary raha ny sofina no hiteny hoe: "Satria tsy maso aho, dia tsy rantsana amin'ny vatana aho," izany dia tsy kely amin'ny rantsan'ny vantana akory. [17]Raha maso ny vatana rehetra, dia ho aiza ny fandrenesana? Raha sofina ny vatana rehetra, dia ho aiza ny fanimboloana?
[18]Fa Andriamanitra nandamina ny rantsan'ny vatana tsirairay araka ny namoronany izany. [19]Raha rantsana mitovy ihany izy rehetra, aiza no hisy ny vatana? [20]Ka izao dia rantsana maro izy ireo, fa vatana iray ihany.
[21]Ny maso tsy afaka miteny amin'ny tanana hoe: "Tsy misy ilàko anao." Na ny loha tsy hiteny amin'ny tongotra hoe: "Tsy misy ilàko anao." [22]Fa ireo rantsana amin'ny vatana izay miseho ho malemy kokoa dia tena ilaina, [23]ary ireo rantsan'ny vatana izay heverintsika fa tsy dia manan-danja, dia omentsika lanja lehibe kokoa ireo, ary ireo rantsantsika tsy fampiseho dia manana fahamendrehana mihoatra. [24]Ary ny rantsantsika fampiseho dia tsy mila entina amin'ny fahamendrehana, fa ireo dia efa manana fahamendrehana. Fa Andriamanitra nampikambana ny rantsana rehetra miaraka, ary izy nanome lanja kokoa an'ireo izay tsy ampy izany.
[25]Nanao izany Izy mba tsy hisy fisarahana eo amin'ny vatana, fa mba hifampikarakara amin'ny fitiavana mitovy ireo rantsana. [26]Noho izany rehefa mijaly ny rantsana iray, dia miara-mijaly ireo rantsana rehetra; na rehefa omen-danja ny rantsana iray, dia miara-mifaly ny rantsana rehetra. [27]Ary ianareo dia vatan'i Kristy ary rantsana amin'izany ny tsirairay.
[28]Ary Andriamanitra nanendry tao amin'ny fiangonana ireo apostoly aloha, faharoa ireo mpaminany, fahatelo ireo mpampianatra, avy eo ireo izay manao asa mahagaga, avy eo ireo fanomezam-pahasoavana hanasitrana, ireo izay manome fanampiana, ireo izay manao ny asan'ny fitantanan-draharaha, ary ireo izay manana karazana fiteny samihafa.
[29]Apostoly ve izy rehetra? Mpaminany avokoa ve? Mpampianatra avokoa ve? Manao asa mahagaga avokoa ve ny rehetra?
[30]Manana fanomezam-panahy hanasitrana ve izy rehetra? Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve izy rehetra? Mandika teny ve izy rehetra? [31]Katsaho fatrara ireo fanomezam-panahy lehibe kokoa. Fa hampiseho anareo lalana tsaratsara kokoa aho.

13 [1]Na dia atao hoe miteny amin'ny fitenin'ireo olona sy ireo anjely aza aho. Fa raha tsy manana fitiavana, dia tonga vy maneno na kipantsona mikarantsam-peo aho. [2]Na dia atao hoe manana fanomezan'ny faminaniana ary mahafantatra ireo misitery sy fahalalana rehetra aza aho, ary manana ny finoana rehetra afahana mamindra ireo tendrombohitra. Fa raha tsy manam-pitiavana, dia tsinontsinona aho. [3]Na dia atao hoe manome izay rehetra ananako hamahanana ny mahantra aza aho, ary manolotra ny tenako ho dorana. Fa raha tsy manam-pitiavana, dia tsy mahazo na inona na inona aho. [1]
[4]Ny fitiavana dia mahari-po sady tsara fanahy. Ny fitiavana dia tsy mitsiriritra na mirehareha. Tsy miavona [5]na manao izay tsy mahamendrika. Tsy tia tena. Tsy mora tezitra, na mitanisa fahadisoana. [6]Tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana. Fa kosa, mifaly amin'ny fahamarinana. [7]Ny fitiavana dia mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, matoky zavatra rehetra, ary miharitra ny zavatra rehetra.
[8]Tsy ho tapitra mandrakizay ny fitiavana. Raha misy faminaniana, dia ho levona ireo. Raha misy fitenenana amin'ny teny tsy fantatra, hitsahatra ireo. Raha misy fahalalana, dia ho levona izany. [9]Fa isika dia mahafantatra amin'ny ampahany ary maminany amin'ny ampahany. [10]Fa rehefa tonga ilay tena lafatra, dia ho levona izay tsy tanteraka.
[11]Fony mbola zaza aho, dia niresaka toy ny zaza, nieritreritra toy ny zaza, nisaina toy ny zaza. Rehefa lehibe aho, dia navelako ny fahazazana. [12]Fa ankehitriny isika dia mahita tsy mivantana amin'ny fitaratra, fa rahatrizay dia hifanatri-tava. Ankehitriny aho dia mahafantatra amin'ny ampahany, fa avy eo aho dia hahafantatra tanteraka toy ny nahafantarana ahy tanteraka. [13]Fa ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana rahatrizay, ary ny fitiavana. Fa ny lehibe indrindra amin'ireo dia ny fitiavana.

[1]Fanamarihana: Ny ULB sy ny UDB dia samy manana dikan-teny maro, mivaky toy izao hoe: "Homeko mba ho dorana ny tenako." Ny dikan-teny sasany kosa dia mivaky hoe: "Homeko ny tenako mba ho reharehako."

14 [1]Mitadiava fitiavana ary manàna zotom-po amin'ireo fanomezam-panahy, indrindra fa ny mba haminanianareo. [2]Fa izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tsy miresaka amin'ny olona fa amin' Andriamanitra. Fa tsy misy mahazo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

azy satria miresaka zava-miafina ao amin'ny Fanahy izy. [3]Fa izay maminany dia miresaka amin'ny olona mba ho fampiorenana azy ireo, ho fampirisihana azy ireo, ary fampiononana azy ireo. [4]Izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia manorina ny tenany, fa izay maminany dia manorina ny fiangonana.
[5]Ankehitriny dia maniry anareo rehetra hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Fa mbola mihoatra noho izany aza, maniry Aho ny haminanianareo. Izay maminany dia lehibe kokoa noho izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra (raha tsy hoe misy olona iray mandika teny ka mba mety hiorenan'ny fiangonana). [6]Fa ankehitriny, ry rahalahy, raha tonga eo aminareo amin'ny fiteny tsy fantatra aho, inona no tombon-tsoa omeko anareo amin'izany? Tsy afaka aho, raha tsy hoe miresaka aminareo amin'ny fanambarana, na fahalalana, na faminaniana, na fampianarana.
[7]Raha mamoaka feo ireo zava-maneno tsy manan'aina—tahaka ny sodina na lokanga—ary tsy mamoaka lantom-peo samihafa ireo, ahoana no hahafantaran'ny olona izay melodia avoakan'ny sodina na ny lokanga? [8]Fa raha manao feo hafahafa ny trompetra, ahoana no hahafantaran'ny olona rehefa fotoana hiomanana amin'ny ady? [9]Ka toy izany ihany koa ny aminareo. Raha tsy mazava ny teny aloaky ny vavanareo, ahoana no hahafantaran'ny olona izay nolazainareo? Hiteny ianareo, ary tsy hisy hahazo anareo.
[10]Misy fiteny maro samihafa eto amin'izao tontolo izao, ary tsy misy amin'ireny no tsy misy dikany. [11]Fa raha tsy mahafantatra ny dikan'ny fiteny iray aho, dia ho vahiny amin'izay miteny, ary izay miteny ho vahiny amiko.
[12]Tahaka izany ihany koa ny aminareo. Satria maniry fatrara ny fihetsehan'ny Fanahy ianareo, dia manàna zotom-po mba hiroborobo amin'ny fanorenana ny fiangonana. [13]Noho izany izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra dia tokony hivavaka mba hafahany mandika teny. [14]Fa raha mivavaka amin'ny fiteny tsy fantatra Aho, dia mivavaka ny fanahiko, fa ny saiko tsy mamoa.
[15]Inona no tokony ho ataoko? Hivavaka amin'ny Fanahiko aho, fa hivavaka amin'ny saiko ihany koa. Hihira miaraka amin'ny Fanahiko aho, ary hihira miaraka amin'ny saiko ihany koa. [16]Raha tsy izany, raha midera an'Andriamanitra miaraka amin'ny Fanahy iananareo, ahoana no hitenenan'ny vahiny hoe "Amena" rehefa manome fisaorana ianao raha toa ka tsy fantany izay lazainao.
[17]Fa ianao dia tena manome fisaorana tsara ihany, fa ny olon-kafa tsy miorina. [18]Misaotra an'Andriamanitra aho fa miteny amin'ny fiteny tsy fantatra mihoatra noho ianareo rehetra. [19]Saingy any am-piangonana dia aleoko miteny teny dimy araka ny fahazoako mba hafahako mampianatra ireo hafa, toy izay teny iray alina amin'ny fiteny tsy fantatra.
[20]Ry rahalahy, aza mba zaza amin'ny fihevitrareo. Fa kosa, raha amin'ny ratsy, dia manaova tahaka ny zaza. Fa amin'ny fihevitrareo dia aoka ho matotra ianareo. [21]Ao amin'ny lalàna dia voasoratra hoe: "Amin'ny alalan'ny olona hafa fiteny sy amin'ny alalan'ny molotry ny vahiny dia hiresaka amin'ireto olona ireto Aho. Na dia tsy handre Ahy aza izy ireo," hoy ny Tompo.
[22]Noho izany ireo fiteny tsy fantatra dia famantarana, tsy amin'ireo mpino, fa amin'ireo tsy mpino. Fa ny faminaniana kosa dia ho famantarana, tsy ho an'ireo tsy mpino, fa ho an'ireo mpino. [23]Noho izany, raha toa ka, miara-miangona ny fiangonana rehetra ary miteny amin'ny fiteny tsy fantatra avokoa, ary miditra ireo vahiny sy tsy mpino, tsy ho lazain'izy ireo fa adala ve ianareo?
[24]Fa raha naminany avokoa ianareo rehetra ka nisy tsy mpino na vahiny niditra, dia ho resy lahatra amin'izay rehetra henony izy. Ho tsaraina amin'ny alalan'izay rehetra voalaza izy. [25]Ho ambara ny tsiambaratelo ao am-pony. Vokatr'izany, hiankohoka izy ary hitsaoka an'Andriamanitra. Hanambara izy fa tena eo aminareo Andriamanitra.
[26]Inona izany no manaraka, ry rahalahy? Rehefa tafaray ianareo, ny tsirairay dia manana salamo, fampianarana, fanambarana, fiteny tsy fantatra, na fandikan-teny. Ataovy ny zava-drehetra mba hanorenanareo ny fiangonana. [27]Raha misy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra, avelao hisy roa na farafahabetsany telo eo, ary mandeha tsirairay, avy eo dia tokony hisy anankiray handika ny teny izay voalaza. [28]Fa raha tsy misy mpandika teny, avelao ny tsirairay amin'izy ireo hitazona fahanginana ao am-piangonana. Avelao ny tsirairay hiresaka mitokana amin'ny tenany sy amin'Andriamanitra.
[29]Avelao hiteny ny mpaminany roa na telo, ary avelao ireo hafa hihaino amin'ny fahaiza-manavaka izay voalaza. [30]Fa raha misy fahitana omena izay mipetraka eo amin'ny fanompoana, avelao hangina ilay iray izay niteny.
[31]Fa ny tsirairay aminareo dia afaka mifandimby maminany mba hafahan'ny tsirairay mianatra ary mba hahery ny rehetra. [32]Fa ny fanahin'ireo mpaminany dia eo ambanin'ny fanaraha-mason'ireo mpaminany. [33]Fa Andriamanitra dia tsy Andriamanitry ny fikorontanana, fa ny fiadanana. Izany no fitsipika ho an'ireo fiangonan'ireo mpino rehetra.
[34]Ny vehivavy dia tokony hitazona fahanginana ao am-piangonana. Satria tsy mahazo alalana hiteny izy ireo. Fa kosa, tokony hanaiky izy ireo, tahaka ny ambaran'ny lalàna. [35]Raha misy irian'izy ireo hianarana, avelao hanontany ny vadiny any an-trano izy ireo. Fa mahamenatra ho an'ny vehivavy ny miteny ao am-piangonana. [36]Avy aminareo ve no niavian'ny tenin'Andriamanitra? Ianareo irery ve no voakasik'izany?
[37]Raha misy mieritreritra ny tenany ho mpaminany na ara-panahy, dia tokony hanaiky izy fa ireo zavatra izay soratako aminareo dia didin'ny Tompo. [38]Fa raha misy tsy manaiky izany, dia aleo izy tsy ho ekena.[1]
[39]Koa amin'izany, ry rahalahy, maniria fatratra ny haminany, ary aza mandrara an'iza na iza hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra. [40]Fa avelao ny zava-drehetra atao araka ny tokony ho izy sy am-pilaminana.

[1]Fanamarihana: Ny ankamaroan'ny dikan-teny, ao anatin'izany ny ULB sy UDB, dia mamaky hoe: "Fa raha misy tsy manaiky izany, dia aoka tsy ho ekena izy." Ny dikan-teny sasany taloha manao hoe: "Fa raha misy tsy mahalala izany, dia aoka izy tsy hahalala izany."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

15 [1]Ankehitriny mampahatsiahy anareo aho, ry rahalahy, ny amin'ny filazantsara izay nambarako taminareo, izay
noraisinareo sy izay ijoroanareo. [2]Amin'ny alalan'izany filazantsara izany no havoavonjy anareo, raha mihazona
mafy amin'ny teny notoriako taminareo ianareo, raha tsy hoe ninonino foana.
[3]Fa natolotro ho zava-dehibe voalohany ho anareo izay voaraiko ihany koa: fa maty ho an'ny fahotantsika Kristy araka ny
Soratra Masina, [4]ary nalevina Izy, ary Izy dia natsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo araka ny Soratra
Masina.
[5]Kristy dia niseho tamin'i Kefasy, ary avy eo tamin'ireo roa ambin'ny folo; [6]avy eo dia niseho indray mandeha tamin'ireo
rahalahy mihoatry ny dimanjato Izy. Mbola velona ny ankamaroan'izy ireo, fa ny sasany dia nodimandry. [7]Avy eo Izy
niseho tamin'i Jakoba, avy eo tamin'ireo apostoly rehetra.
[8]Farany indrindra, dia niseho tamiko Izy, toy ny hoe tamin'ny zaza teraka tsy tonga volana. [9]Fa izaho no kely indrindra
amin'ireo apostoly. Izaho dia tsy mendrika ny antsoina hoe apostoly satria nanenjika ny fiangonan'Andriamanitra aho.
[10]Fa nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra no naha toy izaho ahy, ary tsy foana ny fahasoavany ato amiko. Fa kosa, niasa
mafy kokoa noho izy rehetra aho. Nefa tsy izaho izany, fa ny fahasoavan'Andriamanitra izay miaraka amiko. [11]Noho izany
na izaho izany na izy ireo, araka ny nitorianay dia araka izany no ninoanareo.
[12]Ankehitriny raha nambara fa Kristy dia natsangana tamin'ny maty, ahoana no hafahan'ny sasany aminareo milaza fa
tsy misy ny fitsaganana amin'ny maty? [13]Nefa raha tsy misy ny fitsanganana amin'ny maty, dia tsy natsangana akory
Kristy; [14]ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny fitorianay, ary foana ihany koa ny finoanareo.
[15]Koa, dia hita ho vavolombelona diso momban' Andriamanitra izahay satria nijoro vavolombelona nanohitra
an'Andriamanitra, niteny hoe natsangany Kristy rehefa tsy nanao izany Izy. [16]Raha tsy natsangana ny maty, dia na Kristy
aza tsy natsangana; [17]ary raha tsy natsangana Kristy, dia foana ny finoanareo ary dia mbola ao amin'ny fahotanareo
ianareo.
[18]Ary izay rehetra maty ao amin'i Kristy dia efa very ihany koa. [19]Raha amin'ity fiainana ity ihany no ananantsika toky
amin'ny ho avy ao amin'i Kristy, dia isika no mampahonena indrindra amin'ny olona rehetra.
[20]Fa ankehitriny dia efa natsangana tamin'ny maty Kristy, ilay voaloham-bokatr'ireo izay maty. [21]Fa satria tonga tamin'ny
alalan'ny olona iray ny fahafatesana, dia avy tamin'ny alalan'ny olona iray ihany koa no nihavian'ny fitsanganana
amin'ny maty.
[22]Fa toy ny nahafatesan'ny rehetra tao amin'i Adama, dia ho velomina ao amin'i Kristy ihany koa ny rehetra. [23]Kanefa
samy ao amin'ny filaharany manokana ny tsirairay: Kristy, ilay voaloham-bokatra, ary avy eo ireo izay an'i Kristy dia ho
atao velona amin'ny fiaviany.
[24]Avy eo dia ho tonga ny farany, rehefa homen'i Kristy ho an'Andriamanitra Ray ny fanjakana. Izany dia rehefa hanafoana
ny fitsipika rehetra sy ny fahefana rehetra ary ny hery Izy. [25]Fa tsy maintsy manjaka Izy mandra-pametrany ny
fahavalony rehetra ao ambanin'ny tongony. [26]Ny fahavalo farany ho haringana dia ny fahafatesana.
[27]Fa "Napetrany teo ambanin'ny tongony avokoa ny zavatra rehetra." Fa voalaza fa: "Izy no nametraka ny zavatra
rehetra," dia mazava tsara fa tsy tafiditra ao anatin'izany ilay iray nametraka ny zavatra rehetra hanaiky ny tenany.
[28]Rehefa manaiky Azy ny zavatra rehetra, dia ny Zanaka mihitsy no hanaiky ilay iray izay nampanaiky ny zavatra rehetra
ho Azy. Hiseho izany mba ho rehetra ao amin'ny rehetra ny Andriamanitra Ray.
[29]Na koa inona no ilaina ireo izay vita batisa ho an'ny maty? Raha tsy natsangana mihitsy ny maty, nahoana izy ireo no
natao batisa ho an'izy ireo? [30]Nahoana ary, isika no am-bava loza isan'ora?
[31]Miatrika fahafatesana isan'andro aho! Izany dia azo antoka tahaka ny fireharehako ny aminareo, izay azoko ao amin'i
Kristy Jesosy Tompontsika. [32]Inona no tombony azoko, avy amin'ny fomba fijerin'ny olombelona, raha niady tamin'ny
biby tao Efesosy aho, raha tsy natsangana ny maty? "Aoka isika hihinana sy hisotro satria ho faty isika rahampitso."
[33]Aza mety ho fitahana hoe: "Manimba ny fisainana tsara ny naman-dratsy." [34]Mandiniha! Miainà am-pahamarinana! Aza
manohy manota! Fa ny sasany aminareo dia tsy manana fahalalana an'Andriamanitra. Milaza izany ho amin'ny
fahamenaranareo aho.
[35]Fa ny olona iray hiteny hoe: "Ahoana no nananganana ny maty, ary amin'ny karazana vatana inona no hatongavan'izy
ireo?" [36]Tsy mahalala na inona na inoana ianareo! Izay hafafinareo dia tsy hanomboka hitombo raha tsy maty izany.
[37]Izay nafafinareo dia tsy ny vatana izay ho avy, fa voa fostiny. Izany dia mety ho lasa vary na zavatra hafa. [38]Fa
homen'Andriamanitra azy ny vatana araka izay safidiany, ary samy amin'ny vatany avy ny voa tsirairay. [39]Tsy ny nofo
rehetra no mitovy. Fa kosa, iray ny nofon'ny olombelona, dia hafa ny nofon' ireo biby, ary nofo hafa ny an'ireo vorona, ary
hafa ny an'ny hazandrano.
[40]Misy ihany koa ireo vatana any an-danitra sy ireo vatan'ny eto an-tany. Fa karazana iray ihany ny voninahitry ny vatana
any an-danitra ary hafa ny voninahitry ny eto an-tany. [41]Iray ny voninahitry ny masoandro, ary hafa ny voninahitry ny
volana, ary voninahitra hafa ny an'ireo kintana. Fa ny kintana iray miavaka amin'ny kintana iray hafa amin'ny
voninahitra.
[42]Toy izany koa ny fitsanganana amin'ny maty. Izay afafy dia mety simba, ary izay atsangana dia tsy mety simba. [43]Afafy
tamin'ny fahafaham-baraka izany; dia natsangana am-boninahitra. Afafy tamin'ny fahalemena izany; dia natsangana
amin'ny hery. [44]Afafy amin'ny vatana voajanahary izany; dia atsangana ho vatana ara-panahy. Raha misy vatana
voajanahary, dia misy vatana ara-panahy ihany koa.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[45]Ary efa voasoratra ihany koa fa: "Lasa fanahy velona Adama ilay lehilahy voalohany" Ilay Adama farany dia lasa fanahy manome fiainana. [46]Fa tsy ny ara-panahy no tonga voalohany fa ny voajanahary, ary avy eo ny ara-panahy.
[47]Ny olona voalohany dia avy amin'ny tany, namboarina tamin'ny vovoka. Ny olona faharoa dia avy any an-danitra. [48]Toy ilay iray namboarina tamin'ny vovoka, toy izany koa ilay olona any an-danitra, ary tahaka izany ihany koa ireo izay avy any an-danitra.[49]Toy ny nitondrantsika ny endrik'ilay olon'ny vovoka, dia hitondra ny endrik'ilay olon'ny lanitra ihany koa isika.
[50]Ary izao no lazaiko, ry rahalahy, fa ny nofo aman-drà dia tsy afaka ny handova ny fanjakan'Andriamanitra. Na izay mety simba handova izay tsy mety simba. [51]Indro! Zava-marina miafina no ho lazaiko anareo hoe: Tsy ho faty avokoa isika rehetra, fa hovaina avokoa isika rehetra.
[52]Hiova isika amin'ny fotoana iray, ao anatin'ny indray mipi-maso, amin'ny trompetra farany. Haneno ny trompetra, ary ireo maty dia hatsangana ho tsy mety lo, ary dia hovaina isika. [53]Fa ity vatana mety simba ity dia tsy maintsy hitafy izay tsy mety lo, ary ity vatana mety maty ity dia tsy maintsy hitafy ny tsy fahafatesana.
[54]Fa rehefa mitafy ny tsy mety simba ity vatana mety simba ity, ary rehefa mitafy ny tsy fahafatesana ity vatana mety maty ity, dia ho tonga amin'ilay teny izay voasoratra hoe, "Voatelina tamin'ny fandresena ny fahafatesana." [55]"Ry fahafatesana, aiza ny fandresenao? Ry fahafatesana, aiza ny fanindronanao?"
[56]Ny ota no fanindron'ny fahafatesana, ary ny herin'ny ota dia ny lalàna. [57]Fa isaorana Andriamanitra, izay manome antsika ny fandresena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika!
[58]Noho izany, ry rahalahy malalako, miorena tsara ary aza miozongozona. Miroboroboa mandrakariva amin'ny asan'ny Tompo, satria fantatrareo fa tsy very maina ny asanareo ao amin'ny Tompo.

16 [1]Ary mahakasika ny fanangonam-bola ho an'ireo mpino, araka ny nanoroako lalana ny fiangonan'i Galatia, dia toy izany koa no tokony ataonareo. [2]Amin'ny andro voalohan'ny herinandro, dia tokony hanokana zavatra ny tsirairay aminareo ary hitahiry izany araka izay vitanareo. Manaova izany mba tsy hisian'ny fanangonam-bola rehefa tonga aho.
[3]Rehefa tonga aho, na iza na iza ekenareo, dia alefako miaraka amin'ny taratasy mba hanolorako ny fanatitrareo ho an'i Jerosalema. [4]Raha toa ka mety amiko ihany koa ny mandeha, dia handeha hiaraka amiko izy ireo.
[5]Fa ho avy any aminareo aho rehefa mandalo an'i Makedonia. Fa handalo an'i Makedonia aho. [6]Mety afaka hijanona miaraka aminareo aho na mandritra ny ririnina mihitsy aza, mba hahafahanareo manampy ahy amin'ny diako, na aiza na aiza alehako.
[7]Fa tsy maniry ny hahita anareo mandritra ny fotoana fohy aho izao. Fa manantena ny hitoetra maharitraritra miaraka aminareo, raha avelan'ny Tompo. [8]Fa hijanona ao Efesaosy aho mandra-pahatongan'ny Pentekosta, [9]fa efa varavarana malalaka no nisokatra ho ahy, ary misy fahavalo maro.
[10]Ary rehefa tonga Timoty, dia ezaho mba tsy hatahotra izy miaraka aminareo, fa manao ny asan'ny Tompo izy, tahaka ny ataoko. [11]Aza avela hisy olona hanao tsinontsinona azy. Ampio izy amin'ny lalany amin'ny fiadanana, mba hafahany mankeo amiko. Fa manantena azy mba ho tonga hiaraka amin'ireo rahalahy aho. [12]Ary mahakasika an'i Apolosy rahalahintsika, dia nampirisika azy mafy aho mba hamangy anareo miaraka amin'ireo rahalahy. Fa mbola tsy vonona tanteraka ny ho avy izy izao. Na izany aza, ho tonga izy rehefa mety ny fotoana.
[13]Miambena, mijoroa tsara amin'ny finoana, miasà tahaka ny lehilahy, mahereza. [14]Aoka ho atao am- pitiavana izay ataonao rehetra.
[15]Fantatrareo ny ankohonan'i Stefanasy, fa izy ireo no niova fo voalohany tao Asaia, ary izy ireo nametraka ny tenan'izy ireo ho amin'ny fanompoana ireo mpino. Ary mamporisika anareo aho, ry rahalahy, [16]mba hanaiky ny olona toy izany sy amin'ny olona rehetra izay manampy amin'ny asa sy miasa miaraka aminay.
[17]Mifaly amin'ny fahatongavan'i Stefanasy, Fortinatasy, ary Akaiosy aho. Nameno ny tsy naha-teo anareo izy ireo. [18]Fa namelombelona ny fanahiko sy ny anareo izy ireo. Ka noho izany, fantaro ny olona toy izany.
[19]Ireo fiangonan'i Asia dia manao veloma anareo. Akila sy Pritsila dia manao veloma anareo ao amin'ny Tompo, miaraka amin'ny fiangonana izay ao amin'ny fonenan'izy ireo. [20]Ny rahalahy rehetra manao veloma anareo. Mifanaova veloma amin'ny oroka masina.
[21]Izaho, Paoly, manoratra ity amin'ny tanako. [22]Raha misy olona tsy tia ny Tompo, enga anie mba ho voaozona izy. Ho tonga, ny Tompontsika! [23]Ho aminareo anie ny fahasoavan'ny Jesosy Tompo. [24]Ho aminareo rehetra ny fitiavako ao amin'i Jesosy Kristy. [1]

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha dia manampy hoe: "Amena." Fa ny vaovao maro hafa, ao anatin'izany ny ULB sy ny UDB, dia manala izany.

2 Korintiana

1 [1]Paoly, apostoly iray an'i Kristy Jesosy tamin'ny sitrapon'Andriamanitra, sy Timoty rahalahintsika, ho an'ny fiangonan'Andriamanitra izay ao amin'ny Korinto, ary ho an'ireo mpino rehetra manerana ny faritry Akaia. [2]Ho aminareo anie ny fahasoavana ary ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Tompo Jesosy Kristy.
[3]Ho deraina anie ny Andriamanitra sy Rain'ny Tompontsika Jesosy Kristy. Izy no Rain'ny famindram-po rehetra sy Andriamanitry ny fampiononana rehetra. [4]Andriamanitra dia mampionona antsika amin'ny fahoriantsika rehetra, ka

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mba ahafahantsika mampionona ireo izay ao anaty fahoriana. Isika dia mampionona ireo hafa tahaka ny fampiononana izay nampiasan'Andriamanitra ampiononana antsika.
[5]Fa tahaka ny hitomboan'ny fijalian'i Kristy nohon'ny aminay, no hitomboan'ny fampionona anay koa amin'ny alalan'i Kristy. [6]Fa raha nampahoriana izahay, izany dia ho an'ny fampiononana sy famonjena anareo. Ary raha nampiononona izahay, izany dia ho an'ny fampiononana anareo. Ny fampiononanareo dia mandaitra rehefa manam-paharetana hizara ireo fijaliana izay mitovy amin'ny fijalianay koa. [7]Fa ny fahatokisanay momba anareo dia azo antoka, satria izahay dia mahafantatra fa ianareo koa dia mizara ireo fijaliana, ianareo koa dia mizara fampiononana.
[8]Fa tsy tianay ianareo tsy ahafantatra, ry rahalahy, ny amin'ireo olana nanjo anay tany Asia. Izahay dia novesarina tanteraka mihoatran'izay tokony ho zakanay, betsaka loatra ka tsy nanantena ny hiaina ela intsony izahay. [9]Teo aminay tokoa ny fanamelohana ho faty. Fa izany no nahatonga anay tsy hametraka ny tokinay eo amin'ny tenanay ihany, fa kosa amin'Andriamanitra izay mampitsangana ny maty. [10]Nanavotra anay tamin'ny loza mahafaty tahaka izany Izy, ary mbola hanavotra indray. Izahay dia nametraka ny tokinay taminy fa mbola hanafaka anay indray Izy.
[11]Izy dia hanao izany satria ianareo koa dia manampy anay amin'ny alalan'ny vavakareo. Ary maro avy eo no hanome fisaorana amin'ny anaranay noho ny tombom-pahasoavana nomena anay tamin'ny alalan'ireo vavaka ny maro.
[12]Izahay dia mirehareha amin'izao: fijoroana vavolombelona ny amin'ny feon'ny fieritreretanay. Fa tamin'ny fikasana madio sy fahatsoram-po izay avy amin'Andriamanitra izay nitondranay ny tenanay ao amin'izao tontolo izao. Izahay dia nahavita izany rehetra izany ary ny ankabeazany niaraka taminareo—tsy tamin'ny fahendren'izao tontolo izao, fa tamin'ny fahasoavan'Andriamanitra. [13]Izahay dia tsy nanoratra zavatra tsy ho voavaky na ho azonareo. Izaho dia manantena fa, [14]satria ianareo nahazo ny momba anay amin'ny ampahany, izahay dia ho anton'ny reharehanareo amin'ny andron'ny Tompontsika Jesosy, tahaka anareo ho antony hireharehanay.
[15]Satria natoky ny momba izany aho, dia te ho any aminareo aloha, mba hahafahanareo mahazo tombony amin'ny fitsidihana roa. [16]Niomana ny hitsidika anareo rehefa teny amin'ny lalako ho any Makedonia aho. Ary avy eo dia mbola naniry hitsidika anareo indray aho tamin'ny diako avy any Makedonia, ary ny mba hanateranareo ahy teny amin'ny lalako ho any Jodia ay eo.
[17]Rehefa nieritreritra toy izany aho, nisalasala ve aho? Nanomana ireo zavatra ireo araka ny nofo ve aho, mba itenenako "Eny, eny" sy "Tsia, tsia" amin'ny fotoana iray ihany? [18]Fa satria Andriamanitra dia mahatoky, isika dia tsy afaka ny hiteny na "Eny" na "Tsia."
[19]Fa ny Zanak'Andriamanitra, Jesosy Kristy, izay nitorian'i Sylvanosy, Timoty ary izaho taminareo, dia tsy "Eny" na "Tsia." fa Izy dia niteny foana hoe "Eny." [20]Satria ny fampanantenan'Andriamanitra rehetra dia "Eny" avokoa ao aminy. Ka amin'ny alalany koa isika dia hiteny hoe "Amena" ho an'ny voninahitr'Andriamanitra.
[21]Ary Andriamanitra izay manamafy anay aminareo ao amin'i Kristy, ary Izy no naniraka antsika. [22]Izy dia nanisy tombo-kase tamintsika ary nanome ny Fanahy ho ao am-pontsika ho antok'izay mbola ho omeny antsika ao aoriana.
[23]Fa niantso an'Andriamanitra aho, hijoro vavolombelona ho ahy izay antony tsy nahatongavako tao Korinto mba hamindrako fo aminareo. [24]Izany dia tsy sanatria noho izahay miezaka ny mamehy izay tokony ho finoanareo. Fa kosa, izahay dia miara-miasa aminareo amin'ny fifalianareo, satria ianareo mijoro ao amin'ny finoanareo.

2 [1]Fa nanapa-kevitra ny tsy anantona anareo indray ny tenako amin'ny fotoam-pangirifiriana. [2]Raha niteraka alahelo anareo aho, iza no afaka mampifaly ahy akoatran'ilay iray izay noratraiko ihany?
[3]Nanoratra aho tahaka ny nataoko mba tsy ho voaratran'ireo izay tokony nampifaly ahy rehefa tonga tany aminareo. Izaho dia manana fahatokisana ny aminareo rehetra fa ny fifaliako dia fifaliana mitovy amin'ny anareo rehetra. [4]Fa nanoratra ho anareo aho avy amin'ny fahoriana lehibe, miaraka amin'ny fangirifirin'ny fo, ary miaraka amin'ny ranomaso be. Tsy te ampalahelo anareo aho. Fa kosa, te hampahafantatra anareo ny alalin'ny fitiavana izay ananako ho anareo.
[5]Raha nisy olona niteraka alahelo, tsy niteraka izany tamiko ihany izy, fa amin'ny endrika hafa—tsy hanitarana loatra izany—aminareo rehetra. [6]Ampy ny fanasaziana nataon'ny maro an'isa io olona io. [7]Ka ankehitriny raha tokony ho fanasaziana, ianareo dia tokony hamela heloka sy hampionona azy. Ataovy izany mba tsy handifotra azy amin'ny alahelo be loatra.
[8]Noho izany mankahery anareo aho mba hanamafy ampahibe-maso ny fitiavanareo Azy. [9]Izany no antony nanoratako, amin'izay mba mety hitsapako anareo ary ahafantarako na mankatoa amin'ny zava-drehetra ianareo.
[10]Raha mamela olona ianareo, mamela izany olona izany koa aho. Izay navelako—raha namela ny zava-drehetra aho—izany famelana izany dia fitiavana anareo amin'ny fanatrehan'i Kristy. [11]Izany dia mba tsy hamitahan'ny Satana anay. Satria izahay dia mahafantatra ireo drafiny.
[12]Nisokatra ho ahy ny varavarana tamin'ny Tompo rehefa tonga tao amin'ny tanàn-dehibe an'i Troasy nitory ny filazantsara an'i Kristy tany. [13]Na izany aza, tsy nanana fiadanan-tsaina aho, satria tsy nahita ny rahalahiko Titosy tany. Araka izany, nandao izy ireo aho ary nandeha niverina tany Makedonia.
[14]Fa fisaorana anie ho an'Andriamanitra, izay ao amin'i Kristy mitarika anay mandrakariva ao amin'ny fandresena. Amin'ny alalantsika dia haeliny na aiza na aiza ny hanitra mamin'ny fahalalana azy.[15]Fa izahay dia hanitra mamin'i Kristy an'Andriamanitra, na teo amin'ireo izay novonjena sy teo amin'ireo izay ho faty.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Ho an'ny olona izay ho faty, izany dia hanitra avy amin'ny fahafetesana ho amin'ny fahafatesana. Ho an'ireo sasany izay novonjena, dia hanitra avy amin'ny fiainana ao amin'ny fiainana. Iza no mendrika amin'ireo zavatra ireo? [17]Fa izahay dia tsy mitovy amin'ireo olona maro izay mivarotra ny tenin'Andriamanitra mba ahazoana tombony. Fa kosa, amin'ny fahadiovam-po, no hiresahanay amin'i Kristy, satria nalefa avy amin'Andriamanitra izahay, tao amin'ny fahitan'Andriamanitra.

3 [1]Hanomboka hidera-tena indray ve izahay? Izahay dia tsy mila ireo taratasy fanamarianana aminareo na avy aminareo, toy ny olona sasany, sa tsy izany? [2]Ny tenanareo no taratasy fanamariananay, izay voasoratra ao am-pontsika, izay fantatra ary vakian'ny olona rehetra. [3]Ianareo dia maneho fa taratasy fanambarana avy amin'i Kristy, izay natolontsika. Izany dia tsy voasoratra tamin'ny ranomainty fa tamin'ny Fanahin'ilay Andriamanitra velona. Izany dia tsy voasotratra teo amin'ny takela-bato, fa teo amin'ny takelaky ny fon'ny olombelona.
[4]Ary izany no toky izay ananantsika eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Kristy. [5]Isika dia tsy mahefa amin'ny tenantsika mba handray na inona na inona izay avy amintsika. Fa kosa, ny fahefantsika dia avy amin'Andriamanitra.
[6]Andriamanitra no nanao antsika mba ho mpanompon'ny fanekena vaovao. Izany dia fanekena tsy avy amin'ny soratra fa an'ny Fanahy. Fa ny soratra mamono, ary ny Fanahy manome aina.
[7]Ary ny asa izay niteraka fahafatesana - dia voasoratra teo ambonin'ny vato - dia tonga tamim-boninahitra lehibe ka ny vahoakan'Israely dia tsy afaka nibanjina ny tavan'i Mosesy. Izany dia noho ny voninahitry ny tavany, ny voninahitra izay nihalevona. [8]Ho voninahitra lehibe toy ny ahoana ny asa izay ataon'ny Fanahy?
[9]Fa raha nanana voninahitra ny asan'ny fanamelohana, dia ho toy ny ahoana ny fitomboan'ny voninahitry ny asan'ny fahamarinana! [10]Satria tokoa, izay nomena voninahitra indray mandeha dia tsy hanam-boninahitra intsony amin'izany fomba izany, noho ny voninahitra izay mampitombo izany. [11]Fa raha izay nandalo fotsiny no nanana voninahitra, dia tsy hanana voninahitra mihoatra noho izany ve izay maharitra!
[12]Satria manana toky tahaka izany isika, dia sahy tokoa. [13]Isika dia tsy tahaka an'i Mosesy, izay nanarona ny tavany tamin'ny voaly, mba tsy hahafahan'ny vahoakan'Israely mijery azy mivantana amin'ny fiafaran'ny voninahitra izay nandalo ihany.
[14]Fa ny sain'izy ireo dia donto. Na dia mandrak'ankehitriny izany voaly izany dia mbola mijanona eo amin'ny famakiana ny fanekena taloha. Tsy misokatra izany, satria ao amin'i Kristy ihany izany no esorina. [15]Nefa na dia ankehitriny aza, na rahoviana na rahoviana no vakiana ny laläan'i Mosesy, dia manarona ny fon'izy ireo ny voaly. [16]Nefa raha mitodika amin'ny Tompo ny olona, dia esorina ny voaly.
[17]Ary ny Tompo dia Fanahy. Izay misy ny Fanahin'ny Tompo, dia misy fahafahana. [18]Ary isika rehetra, tsy misarom-boaly, dia mahita ny voninahitry ny Tompo. Isika dia efa voaova ho ao amin'ny voninahitra mitovy izay avy amin'ny voninahitra ho amin'ny voninahitra, izay avy amin'ny Tompo, izay tsy iza fa ny Fanahy.

4 [1]Noho izany, satria izahay manana izany asa fanompoana izany, ary vao nahazo famindram-po, dia kivy izahay. [2]Fa kosa, nolavinay ireo fomba mahamenatra sy miafina. Tsy miaina amin'ny fitaka izahay, ary mampiasa marina ny tenin'Andriamanitra. Amin'ny fanehoana ny marina, izahay dia mandidy ny tenanay ny amin'ny feon'ny fieritreretan'ny olona mba ho entina eo imason'Andriamanitra.
[3]Fa raha voasarona ny filazantsaranay, izany dia ho voasarona amin'ireo izay maty irery ihany. [4]Amin'ny toe-javatra mitranga amin'izy ireo, ny andriamanitr'izao tontolo izao nahajamba ireo saina tsy minon'izy ireo. Vokatry izany, tsy afaka mahita ny fahazavan'ny filazantsaran'ny voninahitr'i Kristy izy ireo, izay endrik'Andriamanitra.
[5]Fa izahay tsy manambara ny tenanay, fa i Kristy Jesosy toy ny Tompo, ary ny tenanay toy ny mpanomponareo nohon'ny amin'i Jesosy. [6]Fa Andriamanitra dia ilay iray izay niteny hoe: "Ny fahazavana hamiratra ao amin'ny haizina." Izy namiratra tao am-ponay, mba hanome ny fahazavan'ny fahalalana ny voninahitr'Andriamanitra eo amin'ny fanatrehan'i Jesosy Kristy.
[7]Fa izahay manana izany harena izany ao anaty tavoara tanimanga, mba hazava fa ny hery lehibe mihoatra lavitra dia an'Andriamanitra fa tsy anay. [8]Ampahoriana amin'ny fomba rehetra izahay, fa tsy resy. Very hevitra izahay fa tsy feno famoizam-po. [9]Enjehina izahay fa tsy nilaozana. Vonoina izahay fa tsy rava. [10]Mitondra eo amin'ny tenanay ny fahafatesan'i Jesosy hatrany izahay, amin'izay ny fiainan'i Jesosy ihany koa dia hiseho eo amin'ny tenanay.
[11]Izahay izay velona dia mitondra hatrany ao amin'ny vatanay ny fahafatesan'i Jesosy, amin'izay ny fiainan'i Jesosy dia hiseho eo amin'ny vatanay olombelona. [12]Noho izany ny fahafatesana dia miasa ao amintsika, fa ny fiainana miasa ao aminareo.
[13]Fa izahay manana fanahin'ny finoana mitovy araka izay voasoratra hoe: [14]"'Nino aho, ary dia niteny aho." Mino ihany koa izahay, ary dia niteny ihany koa izahay. Fantatray fa ilay iray izay nanangana ny Tompo Jesosy dia hanangana antsika ihany koa miaraka amin'i Jesosy. Fantatray fa hitondra anay miaraka aminareo ao amin'ny fanatrehany Izy. [15]Ny zava-drehetra dia ho anareo mba, araka ny fahasoavana voaparitaka tamin'ny olona maro, no hitomboan'ny fanomezam-pisaorana ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra.
[16]Noho izany dia tsy ho kivy izahay. Na dia malemy ivelany aza izahay, dia havaozina isan'andro isan'andro ny ao anatinay. [17]Fa amin'izao andro mandalo izao, ny fahoriana maivana dia manomana anay ho amin'ny lanjan'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

voninahitra maharitra mandrakizay izay mihoatra ny fandanjna rehetra. [18]Fa isika tsy mijery zavatra izay hita, fa ireo zavatra tsy hita. Ireo zavatra izay mety hitantsika dia tsy maharitra, fa ireo zavatra izay tsy hita dia maharitra mandrakizay.

5 [1]Fantantsika fa raha rava ny fonenana eto an-tany izay itoerantsika, dia manana trano avy amin'Andriamanitra isika. Izany dia trano tsy nataon'ny tanan'olombelona, fa trano mandrakizay, any an-danitra. [2]Fa eto amin'ity trano-lay ity isika no misento, maniry mafy ny hitafy ny fonenatsika any an-danitra. [3]Maniry mafy izany isika satria amin'ny fanaovantsika izany dia tsy ho hita mitanjaka isika.
[4]Fa raha mbola eto amin'ity trano-lay ity tokoa isika, dia misento, mavesatr'entana. Tsy te hitanjaka isika. Fa kosa, te hitafy isika, mba ho atelin'ny fiainana izay mety maty. [5]Ilay Iray izay nanomana antsika ho amin'izany zavatra izany indrindra dia Andriamanitra, izay nanome antsika ny Fanahy ho fanambarana izay ho avy.
[6]Noho izany dia mahatokia hatrany. Tongava saina fa rehefa ao an-trano amin'ny vatana isika, dia lavitra ny Tompo. [7]Fa mandeha amin'ny finoana isika, fa tsy amin'ny fahitana. [8]Noho izany dia manana fahatokiana isika. Aleontsika lavitry ny vatana fa ao an-trano miaraka amin'ny Tompo.
[9]Ka dia ataontsika tanjona izany, na any an-trano isika na lavitra izany, mba hahafinaritra Azy. [10]Fa isika rehetra dia tsy maintsy hiseho eo alohan'ny seza fitsaràn'i Kristy, mba mety ahazoan'ny tsirairay izay mifanaraka amin'ireo zava-bita tao amin'ny vatana, na ho amin'ny tsara na ho amin'ny ratsy.
[11]Noho izany, ny fahafantarana ny tahotra ny Tompo, no handresentsika lahatra ny olona. Ny maha isika antsika dia hitan'Andriamanitra mazava. Antenaiko fa mazava amin'ny feon'ny fieritreretanareo ihany koa izany. [12]Tsy miezaka ny handresy lahatra anareo indray izahay mba hijery anay tahaka ny mahitsy fo. Fa kosa, manome antony ho anareo hirehareha nohon'ny aminay izahay, mba hanananareo valin-teny ho an'ireo izay mirehareha ny amin'ny endrika ivelany fa tsy ny amin'izay ao am-po.
[13]Fa raha very saina izahay, dia ho an'Andriamanitra izany; ary raha tonga saina tsara izahay, dia ho anareo izany. [14]Fa ny fitiavan'i Kristy no manery anay, satria azonay antoka ny hoe: nisy olona iray maty ho an'ny rehetra, ary noho izany dia maty ny rehetra. [15]Maty Izy ho an'ny rehetra, mba tsy ho velona ho an'ny tenan'izy ireo intsony ireo izay velona fa ho Azy izay maty ary natsangana nohon'ny ftiavana azy ireo.
[16]Noho izany antony izany, manomboka izao dia tsy mitsara na iza na iza araka ny fomban'ny olombelona isika, na dia efa nijery an'i Kristy tahaka izany aza isika taloha. Fa ankehitriny isika dia tsy mitsara na iza na iza tahaka izany intsony.
[17]Noho izany, raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy. Efa lasa ireo zavatra taloha. Indreo, fa efa tonga vaovao izy ireo.
[18]Ireo zavatra rehetra ireo dia avy amin'Andriamanitra. Nampihavaniny tamin'ny Tenany tamin'ny alalan'i Kristy isika, ary nomeny antsika ny asa fanompoan'ny fampihavanana. [19]Izany hoe, ao amin'i Kristy Andriamanitra no mampihavana izao tontolo izao amin'ny Tenany, tsy manisa ny fahadisoan'izy ireo amin'izy ireo. Nankininy taminay ny hafatry ny fampihavanana.
[20]Koa voatendry ho mpisolon-tenan'i Kristy izahay, toy ny hoe amin'ny alalanay no hanaovan'Andriamanitra ny fiantsoany. Miangavy anareo izahay, noho i Kristy: "Mihavàna amin'Andriamanitra!" [21]Nataony tonga sorona ho an'ny fahotantsika Kristy. Izy ilay Iray izay tsy nanota mihitsy. Nataony izany mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy isika.

6 [1]Miara-miasa aminy, izahay ihany koa dia mampirisika anareo tsy handray ny fahasoavan'Andriamanitra fahatany. [2]Fa niteny izy hoe: "Tamin'ny fotoana mety dia nihaino anareo Aho, ary tamin'ny andron'ny famonjena dia nanampy anareo Aho. Jereo, ankehitriny no fotoana mety. Jereo, ankehitriny no andron'ny famonjena. [3]Tsy mametraka vato fanafintohinana eo anoloan'iza na iza izahay, fa izahay tsy maniry ny haharatsy laza ny asa fanompoanay.
[4]Fa kosa, izahay dia manaporofo ny tenanay amin'ny asanay rehetra, fa mpanompon'Andriamanitra izahay. Izahay no mpanompony amin'ny fiaretana be, fahoriana, fahaterena, fahasarotana, [5]ireo kapoka, fanagadrana, fikomiana, amin'ny asa mafy, amin'ireo alina tsy misy torimaso, amin'ny hanoanana, [6]amin'ny fahadiovana, fahalalana, faharetana, fahatsoram-po, amin'ny Fanahy Masina, amin'ny tena fitiavana. [7]Izahay no mpanompony ao amin'ny tenin'ny fahamarinana, ao amin'ny herin'Andriamanitra. Izahay dia manana ny fiarovan'ny fahamarinana ho an'ny tanana havanana sy ny havia.
[8]Izahay dia miasa amin'ny voninahitra sy amin'ny fahafam-baraka, amin'ny fanaratsiana sy ny fiderana. Izahay dia voampanga ho mpamitaka kanefa izahay dia marina. [9]Izahay dia miasa toy ireny tsy misy mahafatantra ireny kanefa izahay dia mbola fanta-daza. Miasa toy ny ho faty izahay-jereo-mbola miaina izahay. Miasa izahay toy ny saziana nohon'ny asanay nefa tsy toy ny voaheloka ho faty. [10]Izahay dia miasa toy ny malahelo, kanefa dia mifaly lalandava. Izahay dia miasa toy ny mahantra, kanefa dia mampanan-karena olona maro izahay. Miasa toy ny tsy manana na inona na inona izahay kanefa toy ny manana ny zavatra rehetra.
[11]Izahay dia niteny ny marina rehetra taminareo, ry Korintiana, ary ny fonay dia mivoha midanadana. [12]Ny fonareo dia tsy nofehezinay, fa ianareo no namehy ireo fihetseham-ponareo manokana. [13]Ary ho valiny ara-drariny-miresaka aminareo toy ny amin'ny zaza aho-voay hidanadana ny fonareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Aza mifamatotra amin'ireo tsy mpino. Fa inona no iraisan'ny fahamarinana sy ny fandikan-dalàna? Fa inona no iarahan'ny mazava amin'ny maizina? [15]Inona no mety ho fifanarahana eo amin'i Kristy sy Beliala? Na inona no tokony anjara ananan'ny mpino iray sy amin'ny tsy mpino iray? [16]Ary inona no fifanarahana misy eo amin'ny tempolin'Andriamanitra sy ny sampy? Fa isika dia tempolin'Andriamanitra velona, araka ny efa nolazain'Andriamanitra hoe: "Hitoetra eo amin'izy ireo Aho ary handeha eo amin'izy ireo. Izaho dia ho Andriamanitr'izy ireo ary Izy ireo dia ho oloko."
[17]Noho izany, "Mivoaha iala eo amin'izy ireo, ary mitokana," hoy ny Tompo. "Aza mikasika zavatra maloto, ary Izaho handray anareo. [18]Izaho dia ho Ray ho anareo, ary ianareo ho zanako lahy sy ho zanako vavy", hoy ny Tompo Tsitoha.

7 [1]Ireo malalako, hatramin'ny nananantsika ireo teny fikasana dia aoka isika hanadio ny tenantsika amin'ny zava-drehetra izay mahatonga fahalotoana eo amin'ny vatana sy fanahintsika. Aoka isika hikatsaka ny fahamasinana amin'ny fatahorana an'Andriamanitra.
[2]Raiso izahay! Fa tsy nanao ratsy tamin'iza na iza. Tsy nandratra na nanararaotra na iza na iza izahay. [3]Tsy hanameloka anareo no hitenenako izao. Fa efa nolazaiko fa ato amponay ianareo, fa miara-maty ary miara-velona isika. [4]Manana fahatokisana lehibe anareo aho, ary mirehareha nohon'ny aminareo. Feno fampiononana aho. Mitobatobaka ny hafaliako na dia eo aza ny fampahoriana rehetra.
[5]Rehefa tonga tany Makedonia izahay, tsy hanam-pitsaharana ny tenanay. Noho izany, ory tamin'ny fomba rehetra izahay nohon'ny fifandirana tany ivelany, sy ny tahotra tao anaty. [6]Fa Andriamanitra, izay mpampahery ny kivy, nampahery anay tamin'ny fahatongavan'i Titosy. [7]Tsy tamin'ny alalan'ny fahatongavany fotsiny no hampaherezan'Andriamanitra antsika. Fa tamin'ny fampaherezana izay noraisin'i Titosy avy aminareo. Miteny antsika izy ny amin'ny haben'ny fitiavanareo, ny alahelonareo, ary ny fiahianareo ahy lalina. Ka hifaly mandrakizay aho.
[8]Na dia nampalahelo anareo aza ny taratasiko, dia tsy nampanenina ahy izany. Fa nanenina tamin'izany aho rehefa nahita fa nampalahelo anareo ny taratasiko. Fa nalahelo nandritra ny fotoana fohy ianareo. [9]Ankehitriny dia faly aho, tsy hoe satria ory ianareo, fa satria ny alahelonareo no nitondra anareo ho amin'ny fibebahana. Ianareo dia niaina ny fahoriana ao amin'Andriamanitra, koa tsy nisy very ny nijalianareo ho anay. [10]Ny fahoriana ao amin'Andriamanitra dia mitondra amin'ny fibebahana ny mba hahatanteraka ny famonjena tsy misy fanenenana. Na izany aza, ny alahelon'izao tontolo izao, dia mitondra fahafatesana.
[11]Jereo ny vokatrin'ny halehiben'ny fikirizanareo tamin'ny fahoriana ao amin'Andriamanitra. Lehibe tokoa ny halehiben'ny fikirizana tao aminareo mba hanaporofoana fa tsy manan-tsiny ianareo. Lehibe tokoa ny halehiben'ny fahatezeranareo, ny tahotrareo, ny alahelonareo, ny zotom-ponareo, ary ny fanirianareo ahita ny fahamarinana izay tokony atao! Amin'ny zava-drehetra dia nanaporofo tamin'ny tenanareo ianareo mba tsy ho meloka amin'izany raharaha izany. [12]Na dia nanoratra taminareo aza Aho, Izaho dia tsy nanoratra ho an'ireo mpanao ratsy, na ho an'ny iray izay miharitra ny ratsy. Nanoratra aho mba tokony hampahafantarana ny fahazotoanareo teo aminay eo anatrehan'Andriamanitra.
[13]Tamin'ny alalan'izany no nampaherezana anay. Mihoatra nohon'ny fampaherezana izay efa anananay, nihoa-papana ny fifaliany nohon'ny fifalian'iTitosy, satria ny fanahiny dia velombelona noho ny aminareo rehetra. [14]Raha toa ka nirehareha taminy ny momba anareo aho, dia tsy mba afa-baraka aho. Mifanohitra amin'izany, ireo zavatra rehetra izay noteneninay taminareo dia marina avokoa, ny fireharehanay momba anareo tamin'i Titosy dia voaporofo fa marina.
[15]Ny fitiavany anareo dia lehibe kokoa, tahakan'ny nahatsiarovany ny fankatoavanareo rehetra, Endrey ny fandraisanareo azy tamin'ny tahotra sy hovitra. [16]Faly aho satria manana fahatokiana tanteraka taminareo.

8 [1]Tianay ho fantatrareo, ry rahalahy, ny momban'ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena tao amin'ireo fiangonan'i Makedonia. [2]Nandritran'ny fitsapana lehibe amin'ny fahoriana, ny fitobaky ny hafaliany sy ny fara-fahantran'izy ireo dia niteraka haren-dehiben'ny falalan-tanana.
[3]Satria mijoro vavolombelona aho fa nanao be arak'izay vitany izy ireo, ary mihoatra an'izay vitany aza. Ary tamin'ny sitrapon'izy ireo manokana [4]sy niaraka tamin'ny fitalahoana mafy no nangatahan'izy ireo taminay ny fahafahana mba hanana anjara amin'ity asa fanompoana eo amin'ireo mpino ity. [5]Tsy niseho arak'izay nantenainay izany. Fa kosa, nanolotra ny tenany mialoha tamin'Andriamanitra izy ireo. Ary nanolo-tena ho anay izy ireo tamin'ny sitrapon'Andriamanitra.
[6]Ka namporisika an'i Titosy izahay, izay efa nanomboka an'izany asa izany, mba hanantanteraka ny fahasoavana eo aminareo. [7]Fa ianareo kosa dia manan-karena amin'ny zavatra rehetra, amin'ny finoana, amin'ny teny, amin'ny falalana, amin'ny fahazotona rehetra, ary amin'ny fitiavanareo anay. Koa ataovy azo antoka mba hanan-karena amin'izany asa fahasoavana ianareo.[1]
[8]Tsy miteny izany toy ny didy aho. Fa kosa, miteny izany aho amin'ny fitsapana ny fahamarinan'ny fitiavanareo amin'ny fampitahana izany amin'ny zotom-pon'ny olona hafa. [9]Satria fantatrareo ny fahasoavan'nyTompontsika Jesosy Kristy. Ka na nanan-karena aza izy, dia lasa mahantra noho ianareo, koa amin'ny alalan'ny fahantrana no mety ahazoanareo harena.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Amin'izany resaka izany dia hanome toro-hevitra anareo aho izay hanampy anareo. Herintaona lasa izay, dia tsy nanomboka nanao zavatra fotsiny ianareo, fa naniry ny manao izany. [11]Ankehitriny vitao izany, toy ny nisian'ny zotom-po sy ny faniriana hanao izany, dia enga anie hanatanterka izany koa ianareo, arak'izay azonareo hatao. [12]Satria raha maniry mafy ny hanao izany asa izany ianareo, dia zavatra tsara sy azo ekena izany. Tsy maintsy mifototra amin'izay hananan'ny olona iray izany, fa tsy izay tsy ananany.
[13]Fa izany asa izany dia tsy mba hanamaivana ny hafa ary hanavesatra anareo. Fa kosa, tokony hisy ny rariny. [14]Ny harenareo amin'izao fotoana izao dia hanome izay ilain'izy ireo. Ka izany koa dia mba hanomezan'ny haren'izy ireo izay ilainareo. Ary mba anomezan'izy ireo ny rariny [15]Araka izay efa voasaoratra hoe: "ilay iray izay nanana betsaka dia tsy nanana ambiny, ary ilay iray izay nanana ny kely dia tsy nanana ny tsy ampy.
[16]Fa an'Andriaminatra ny fisaorana, izay nametraka ny tao am-pon'i Titosy ny fahamatorana izay ananako aminareo. [17]Fa izy tsy nanaiky fotsiny ny antsontsika, fa tena matotra ny amin'izany ihany koa. Nanatona anao tamin'ny sitrapony manokana izy.
[18]Nalefanay izy niaraka tamin'ilay rahalahy izay noderaina teo anivon'ny fiangonana rehetra noho ny asany izay mitory ny filazantsara. [19]Tsy izany ihany, fa izy ihany koa dia notendren'ireo fiangonana mba handeha hiaraka aminay hitondra izao asan'ny fahalalan-tanana izao. Izany dia ho an'ny voninahitr'izy Tompo ary ho an'ny fanirianay hanampy.
[20]Mitandrina izahay ny amin'ny mety hisian'ny olona mitaraina mombanay mahakasika an'io asa fahalala-tanana izay hataonay io. [21]Ka mila mitandrina izahay mba hanao ny mendrika, fa tsy eo anatrehan'ny Tompo irery ihany, fa eo alohan'ny olona koa.
[22]Mandefa rahalahy iray hafa ihany koa izahay miaraka amin'izy ireo. Matetika izahay no nitsapa azy, ary nahita azy mafana fo tamin'ny asa maro. Mazoto kokoa izy izao ankehitriny noho ilay fahatokisana lehibe izay ananany aminareo.
[23]Raha ny amin'i Titosy, izy no namako sy mpiara-miasa amiko ho anareo. Raha ny amin'ny rahalahinay, dia nalefan'ireo fiangonana izy ireo. Voninahitra ho an'i Kristy izy ireo. [24]Koa asehoy azy ireo ny fitiavanareo, ary asehoy amin'ny fiangonana ny anton'ny fireharehanay momba anareo.

---

[1]NY ULB sy ny UDB, miaraka amin'ireo dikan-teny maro hafa, dia mivaky toy izao: "Ao amin'ny fitiavanao anay." Ny dikan-teny hafa dia mivaky toy izao: "Ary ao amin'ny fitavanay anareo"

---

9 [1]Mikasika ny asa fanompoana ho an'ny mpino, tsy tena ilaiko ny manoratra ho anareo. [2]Fantatro ny momba ny fanirinareo, izay ireharehako amin'ny olon'i Makedonia. Nolazaiko azy ireo fa Akaia dia efa vonona nanomboka tamin'ny taona lasa. Ny zotom-ponareo no nanosika ny ankamaroan'izy ireo hiasa.
[3]Ary nirahiko ny rahalahy mba tsy ho zava-poana ny fireharehantsika momba anareo, ary mba ho vonona ianareo, araka ny efa nolazaiko ho ianareo. [4]Raha tsy izany, raha misy Makedoniana maro miaraka amiko ary mahita anareo mbola tsy vonona, dia ho menatra isika-tsy milaza na inona na inona momba anareo aho-noho ny fahatokiana anareo. [5]Ka mieritreritra aho fa ilaina ny mamporisika ireo rahalahy hankany aminao ary hanao fifanarahana mialoha ny amin'ny fanomezana efa nampanantenainao. Izany dia ahafahana mivonona toy ny fitahiana, fa tsy toy ny zavatra tsy azo ekena.
[6]Ny tena izy dia ity: Ny iray izay mamafy kely dia hijinja ny kely ihany koa, ary ny iray izay mamafy amin'ny tanjom-pitahiana dia hijinja fitahiana ihany koa. [7]Avelao ny tsirairay hanome araka izay efa norafetiny tao am-pony. Aza avela manome fahoriana na faneriterena izy. Fa ny mpanome am-pifaliana no tian'Andriamanitra.
[8]Ary Andriamanitra dia afaka mampitombo ny fitahiana ho anao, mba, amin'ny zavatra rehetra, dia afaka hahazo izay ilainareo rehetra mandrakariva ianareo. Izany no misy dia mba ahafahanareo manatombo ny asa soa anareo. [9]Izany dia araka ny voasoratra hoe: "Nozarainy ireo harenany ary nanome azy ireny ho an'ny mahantra. Maharitra mandrakizay ny fahamarinany."
[10]Izy izay mamatsy voa ho an'ny mpamboly izay mamafy sy ny mofo ho an'ny sakafo, dia hamatsy sy hampitombo ny voanao ihany koa ho amin'ny famafazana. Hampitombo ny vokatry ny fahamarinanao izy. [11]Hahazo harena amin'ny fomba rehetra ianao mba hahatonga anao ho malala-tanana. Izany dia hitondra fanehoam-pisaorana an'Andriamanitra amin'ny alalanay.
[12]Ny fanatanterahana io asa fanompoana io dia tsy vitan'ny hoe mahafeno ny zavatra ilain'ny mpino fotsiny ihany. Mitombo ihany koa izany amin'ny asa fanomezam- pisaorana an'Andriamanitra maro. [13]Fa noho ny fitsapana anareo izay voaporofo amin'io asa io, dia hanome voninahitra an'Andriamanitra koa ianareo amin'ny fankatoavana ny fibabohanareo amin'ny filazantsaran'i Kristy. Dia hanome voninahitra an'Andriamanitra koa ianareo amin'ny fahalalahan-tananareo amin'ny fanomezana ho an'izy ireo sy ny olon-drehetra. [14]Maniry anao izy ireo, ary mivavaka ho anao izy ireo. Manao izany izy ireo noho ny fahalebiazan'ny fahasoavan'Andriamanitra ao aminao. [15]Ho an'Andriamanitra anie ny saotra noho ny fanomezany tsy hay lazaina!

10 [1]Izaho, Paoly, miangavy anareo ny tenako, amin'ny fanetren-tena sy hamoram-panahin'i Kristy. Malemy fanahy aho rehefa eo amin'ny fanatrehanareo, nefa sahy ny aminareo aho rehefa tsy eo. [2]Mangataka aminareo aho, rehefa miaraka aminareo aho, tsy mila sahy amin'ny fahatokisan-tena. Nefa aho mieritreritra fa mila sahy manohitra ireo izay mihevitra fa isika dia miaina araka ny nofo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Fa na izany aza dia mandeha araka ny nofo izahay, tsy miady araka ny nofo. [4]Fa ny fiadiana izay iadianay dia tsy ara-nofo. Noho izany, manana hery avy any an-danitra ireo mba hamotehana ny fanahy ratsy. Fa tsy mitondra na inona na inona ny hevi-pitak'izy ireo.
[5]Ho simbaintsika ihany koa ireo zavatra avo izay manangana fanoherana ny fahalalana an'Andriamanitra. Fa mihevitra ny hambabo ny tsirairay amin'ny fankatoavana an'i Kristy isika. [6]Ary miomana amin'ny famaizana ny fihetsika tsy fankatoavana rehetra isika, vantany vao tanteraka ny fankatoavanareo.
[7]Jereo mazava izay eo anoloanareo. Fa na iza na iza no resy lahatra fa izy no Kristy, aoka hampatsiahy ny tenany izy fa izy tokoa dia Kristy, dia toy izany koa isika. [8]Eny fa na dia mirehareha kely aza aho momban'ny fahefantsika, izay nomen'ny Tompo antsika mba hananganana ary tsy hanimba anareo, tsy ho menatra aho.
[9]Tsy tiako izany ny hampihorohoro anareo amin'ny alalan'ny taratasiko. [10]Fa ny olona sasany niteny hoe: "Matotra sy mahery ny taratasiny, nefa malemy ara-batana izy. Tsy mendrika hohenoina ny teniny."
[11]Aoka ny olona tahaka ireny ahafantatra fa ireo teny ao amin'ny taratasinay tamin'ny fotoana tsy nahateo anay dia maneho ny asa tokony ho ataonay rehefa tonga any izahay. [12]Tsy mandeha lavitra izahay na mampitaha ny tenanay amin'ireo izay midoka-tena. Fa raha mandrefy ny tenany amin'ny hafa izy ireo ary mampitaha ny tenany amin'ny hafa, dia tsy ho malina.
[13]Isika, na izany aza, tsy hirehareha mihoatra ny tokony ho izy. Fa kosa, ataonay ihany izany izay misy fetrany araka ny nanendren'Andriamanitra anay, fetra izay mahakasika anareo. [14]Fa tsy mitandrina ny tenanay izahay rehefa tonga teny aminareo. Izahay no tonga voalohany hatrany aminareo niaraka tamin'ny filazantsaran'i Kristy.
[15]Tsy nirehareha mihaotra ny fetra isika ny momban'ny asan'ny sasany. Nefa kosa, antenainay fa hitombo ny finoanareo amin'ny asa lehibe miandry ny tsirairay, ary samy amin'ny fetrany avy. [16]Fa izao no antenainay, mba ahafahanay mitory ny filazantsara na dia any amin'ny toerana lavitra anareo aza. Tsy hirehareha momban'ny asa efa vita tany amin'ny faritra hafa isika.
[17]"Nefa aoka ny iray izay mirehareha, hirehareha ao amin'ny Tompo." [18]Fa tsy ilay iray izay manolotra ny tenany no ankatoavina. Nefa kosa, aoka ilay iray izay natolotry ny Tompo.

11 [1]Maniry aho mba ahafahanareo mamela ahy hanao fahadalana kely sasany. Fa tena mamela ahy tokoa ianareo! [2]Fa saro-piaro ny momba anareo aho. Manana fahasarotam-piaro araka an'Andriamanitra aminareo aho, hatramin'ny nanomezako toky anareo tao amin'ny fanambadiana ho an'ny vady iray ihany. Nanome toky aho ny hanolotra anareo tahaka ny virjiny madio ho an'i Kristy.
[3]Fa matahotra aho fandrao, tahaka ny namitahan'ny menarana an'i Eva tamin'ny alalan'ny hafetseny, ny eritreritrareo dia mety hiala amin'ny fanoloran-tena amin-kitsim-po sy madio amin'i Kristy. [4]Fa eritrereto hoe misy olona iray tonga hitory Jesosy hafa noho ilay iray toriantsika. Na eritrereto hoe mandray Fanahy hafa noho izay raisinareo ianareo. Na eritrereto hoe mandray filazantsara hafa noho ilay iray izay noraisinareo ianareo. Mamela ireny zavatra ireny tsara ihany ianareo!
[5]Satria mieritreritra aho fa tsy farany ambany noho ireo lazaina fa hoe apostoly ambony. [6]Fa na dia tsy nizarana nandaha-teny aza aho, dia nizarana tamin'ny fahalalana. Tamin'ny fomba rehetra sy tamin'ireo zavatra rehetra dia nataonay ho fantatrareo izany.
[7]Moa nanota va aho tamin'ny fanetren-tenako mba hisandratanareo? Fa nitory ny filazantsaran' Andriamanitra maimaimpoana ho anareo aho. [8]Nandroba ireo fiangonana hafa aho tamin'ny alalan'ny fanekena fanohanana avy amin'izy ireo mba ahafahako manompo anareo. [9]Rehefa niaraka taminareo aho sy nila fanampiana, dia tsy nanavesatra na iza na iza. Fa ireo zavatra nilaiko dia nomen'ireo mpirahalahy izay tonga avy any Makedonia. Tamin'ny zavatra rehetra dia nitandrina ny tenako tsy ho enta-mavesatra aminareo aho, ary hanohy hanao izany.
[10]Raha ato amiko ny fahamarinan'i Kristy, dia tsy hangina izany fireharehako izany any amin'ny faritr'i Akaia. [11]Nahoana? Satria tsy tiako va ianareo? Andriamanitra mahalala.
[12]Ary ny zavatra ataoko dia mbola ho ataoko foana, mba mety ahafahako manala ny fitarainana nohon'ny fanakianana ahy sy ny fitarainana noho ireo izay tian'izy ireo hireharehana—fa izy ireo dia hita manao asa mitovy amin'izay ataonay.
[13]Fa ny olona tahaka izany dia apostoly sandoka sy mpiasa mamitaka. Izy ireo dia manao sarintsarin'ny tenany tahaka ny apostolin'i Kristy.
[14]Ary izany dia tsy mahagaga, fa na ny satana aza maneho ny tenany tahaka ny anjelin'ny fahazavana. [15]Tsy mahagaga intsony raha maneho ny tenan'izy ireo tahaka ny mpanompon'ny fahamarinana ireo mpanompony. Ny anjaran'izy ireo dia izay mendrika ny asan'izy ireo.
[16]Lazaiko indray hoe: "Aza avela hisy hieritreritra hoe adala aho. Fa raha manao izany ianareo, dia raiso tahaka ny adala aho ka mba hirehareha kely. [17]Izay lazaiko momba ity fahatokiana mirehareha ity dia tsy araka ny lazain'ny Tompo, fa miteny toy ny adala aho. [18]Fa efa maro ny olona no mirehareha araka ny nofo, dia hirehareha ihany koa aho.
[19]Nanaiky am-pifaliana ireo adala ianareo. Dia hoe hendry ny tenanareo! [20]Fa mandefitra amin'ny olona ianareo raha manandevo anareo, mandany anareo, manararaotra anareo, mandray ny tenany ho ambony noho ianareo, na raha mamely tehamaina anareo izy. [21]Ho lazaiko amin'ny fahafaham-barakanay fa malemy loatra izahay tamin'ny fanaovana izany. Raha misy mirehareha— dia miresaka toy ny adala aho—Izaho ihany koa dia hirehareha.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[22]Hebreo ve izy ireo? Izaho ihany koa. Isiraelita ve izy ireo? Izaho ihany koa. Taranak'i Abrahama ve izy ireo? Izaho ihany koa. [23]Mpanompon'i Kristy ve izy ireo? (Miresaka toy ny olona very saina aho.) Mihoatra noho izany aho. Mbola niasa mafy nihoatra noho izany aza aho, tany am-ponja matetika, tamin'ny kapoka mihoatra ny fepetra, tamin'ny fiatrehana loza maro mahafaty.
[24]Avy amin'ny alalan'ireo Jiosy no nandraisako "kapoka efapolo latsaka iray" Indimy. [25]Intelo aho no nokapohina tamin'ny hazo. Indray aho no notoraham-bato. Intelo aho no vaky sambo. Nandany iray alina sy iray andro teny an-dranomasina aho. [26]Nandeha matetika aho, tamin'ny lozan'ny ony, tamin'ny lozan'ireo mpandroba, tamin'ny lozan'ny oloko manokana, tamin'ny lozan'ireo Jentilisa, tamin'ny loza tany amin'ny tanàna, tamin'ny loza tany an'efitra, tamin'ny loza tany an-dranomasina, tamin'ny loza avy amin'ireo rahalahy sandoka.
[27]Efa tamin'ny asa mafy sy zava-tsarotra aho, tamin'ny alina tsy misy torimaso, tamin'ny hanoanana sy hetaheta, tamin'ny fifadin-kanina matetika, tamin'ny hatsiaka sy fitanjahana. [28]Ankoatry ny zavatra hafa, misy tsindry isan'andro amiko nohon'ny fanahiako amin'ny fiangonana rehetra. [29]Iza no malemy, ka tsy malemy aho? Iza no manafintohina, ka tsy mirehitra aho?
[30]Raha tsy maintsy mirehareha aho, dia hirehareha momba izay maneho ireo fahalemeko. [31]Ilay Andriamanitra sy Rain'i Tompo Jesosy, ilay iray izay deraina mandrakizay, dia mahafantatra fa tsy mandainga aho!
[32]Tany Damaskosy, ny governora ambanin'i Areta mpanjaka dia niambina ny tanànan'i Damaskosy mba hisambotra ahy.
[33]Fa nampidinina tamin'ny sobika teo amin'ny varavaran-kely iray teo amin'ny manda aho, ka dia nandositra ny tanany.

12 [1]Izaho dia tsy maintsy mirehareha, fa tsy misy na inona na inona azo avy amin'izany. Fa izaho dia hanohy ny amin'ireo fahitana sy ireo fanambarana avy amin'ny Tompo. [2]Mahafantatra lehilahy ao amin'i Kristy aho izay efatra ambin'ny folo taona lasa izay—na ao amin'ny tena na ivelan'ny tena, izaho tsy mahafantatra, Andriamanitra mahafantatra—nalaina niakatra tany amin'ny lanitra faha telo.
[3]Ary fantatro fa io lehilahy io—na ao amin'ny tena, na ivelan'ny tena, izaho tsy mahafantatra, Andriamanitra mahafantatra— [4]dia nalaina niakatra tao amin'ny paradisa ary nandre zavatra izay tena masina loatra amin'ny olona ny hilaza azy. [5]Amin'ny anaran'ny olona tahaka izany dia hirehareha aho. Fa amin'ny anaran'ny tenako dia tsy hirehareha aho, afa-tsy ny momba ireo fahalemeko.
[6]Raha te hirehareha aho, dia tsy ho adala aho, fa te hilaza ny marina. Fa hifehy tena amin'ny fireharehana aho, mba tsy hisy na iza na iza hihevitra ahy ho ambony noho izay hita amiko na re avy amiko. [7]Hifehy tena amin'ny fireharehana ihany koa aho noho ireo karazana fanambarana miavaka ireo. Noho izany, mba tsy ho feno fireharehana aho, dia nasiana tsilo ny nofoko, ny mpitondra hafatr'i Satana hanakorontana ahy, mba tsy hirehareha loatra aho.
[8]Intelo aho no nitalaho tamin'ny Tompo ny momba izany, mba hanaisorany izany amiko. [9]Fa hoy izy tamiko hoe: "Ampy ho anao ny fahasoavako, fa ny hery dia natao ho lafatra ao amin'ny fahalemena." aleoko mirehareha bebe kokoa ny amin'ny fahalemeko, mba hitoeran'ny herin'i Kristy ato amiko. [10]Noho izany finaritra noho i Kristy ao amin'ny fahalemena, amin'ny fanevatevana, amin'ny korontana, amin'ny fanenjehana ary ao amin'ny fotoan-tsarotra aho. Fa na oviana na oviana malemy aho, dia matanjaka.
[11]Izaho dia lasa adala! Ianareo no nanery ahy amin'izany, fa izaho dia tokony noderainareo. Fa izaho dia tsy ambany noho ireo izay antsoina hoe apostoly ambony ireo mihintsy, na dia tsinontsinona aza aho. [12]Ireo famantarana marina ny maha Apostoly dia notanterahina teo aminareo tamin'ny faharetana tanteraka, famantarana sy fahagagana ary asa mahery. [13]Fa ahoana ianareo no tsy dia manan-danja noho ireo fiangonana sasany, ankoatry ny tsy maha vesatra ahy ho anareo? Mamelà ahy noho izany fahadisoana izany!
[14]Indro! Vonona ho tonga fanintelony any aminareo aho. Tsy ho vesatra ho anareo aho, fa izaho dia tsy mila izay anareo. Ianareo no ilaiko. Fa tsy ny zanaka no tokony hihary ho an'ireo ray aman-dreny. Fa kosa, ireo ray aman-dreny no tokony hihary ho an'ireo zanaka. [15]Izaho dia ho faly tanteraka handany sy ho laniana ho an'ny fanahinareo. Raha mitia be anareo aho, dia hotiavina kely ve izaho?
[16]Fa na dia toy izany aza, tsy nanavesatra anareo aho. Fa, satria aho fetsisetsy be, dia izaho ilay iray izay nahazo anareo tamin'ny fitaka. [17]Moa ve nanararaotra anareo tamin'ny alalan'ny olona izay nalefako taminareo aho? [18]Naniraka faingana an'i Titosy ho any aminareo aho, ary nalefako niaraka taminy ireo rahalahy sasany. Moa ve nanararaotra anareo i Titosy? Moa ve tsy miray lalana isika? Moa ve tsy niray dia isika?
[19]Moa ve mieritreritra ianareo fa nandritra izany fotoana rehetra izany dia niaro ny tenanay taminareo izahay? Eo anatrehan'Andriamanitra, no itenenanay tao amin'i Kristy ny zavatra rehetra mba ho fampaherezana anareo.
[20]Fa matahotra aho fandrao rehefa tonga aho dia mety tsy hahita anareo araky ny fanantenako. Matahotra aho fandrao tsy ho hitanareo araky ny fanantenanareo. Matahotra aho fa sao dia mety hisy fifandirana, fialonana, firehetan'ny hatezerana, fikasana amin'ny fitiavan-tena, fifosana, fieboeboana, ary fikorontanana. [21]Matahotra aho fandrao rehefa miverina, dia hanetry ahy eo anatrehanareo ny Andriamanitro. Matahotra aho fandrao mety halahelo ny amin'ireo maro izay nanota teo aloha, ka mbola tsy nibebaka tamin'ny fahalotoana sy ny fijangajangana ary ny fijejojejoana feno fanirian-dratsy izay nataon'izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

13 [1]Fanintelony izao no nandalovako aty aminareo. "Ny fiampangana rehetra dia tsy maintsy miorina amin'ny porofo amin'ny vavolombelona roa na telo." [2]Efa niteny tamin'ireo izay nanota ao taloha sy tamin'ireo ambiny rehetra rehefa teo fanindroany, ary lazaiko indray izany: "Rehefa tonga indray aho, dia tsy hiantra azy ireo aho."
[3]Miteny anareo izany aho satria ianareo dia mitady porofo fa i Kristy dia miteny amin'ny alalako. Tsy marefo aminareo Izy. Fa kosa, mahery ao aminareo Izy. [4]Fa Izy nohombohana amin'ny fahalemena, nefa velona tamin'ny herin'Andriamanitra. Fa isika kosa dia marefo ao aminy, kanefa isika dia miara-miaina amin'ny herin'Andriamanitra eo anivonareo.
[5]Diniho ny tenanareo raha tianareo ho hita fa ao amin'ny finoana ianareo. Tsapao ny tenanareo. tsy mbola azonareo an-tsaina ve izany momba ny amin'ny tenanareo fa i Jesosy Kristy dia ao aminareo? -Raha toa ianareo ka tsy nahomby tamin'ny fitsapana. [6]Ary izaho mahatoky fa ianareo dia hiaiky fa isika dia nahomby amin'izany fitsapana izany.
[7]Ankehitriny isika dia mivavaka amin'Andriamanitra fa tsy afaka ny anao zavatra ratsy ianareo. Izaho dia tsy mivavaka ny afaka ahitana fa isika dia nahomby amin'ny fitsapana. Fa kosa, izaho dia nivavaka ny mba ahafahanareo manao izay mety kanefa isika dia mety ho hita ho toy ny tsy nahomby tamin'ny fitsapana. [8]Fa isika dia tsy afaka ny hanao zavatra manohitra amin'ny fahamarinana, fa ho an' ny fahamarinana irery ihany.
[9]Fa isika dia mifaly rehefa marefo ary mafy ianareo. Fa isika ihany koa dia mivavaka mba ho ataontsika feno ianareo.
[10]Manoratra ireto zavatra ireto aho raha manalavitra anareo aho, ka rehefa miaraka aminareo aho dia tsy voatery mitondra anareo an-katezerana amin'ny fampiasana ny fahefako- izay nomen'ny Tompo ahy, mba ananganako anareo, ary tsy hanimba anareo.
[11]Farany, ry rahalahy, mifalia! miasà ho amin'ny famerenana amin'ny laoniny, mahereza, mifaneke ny tsirairay, miainà am-piadanana, ary ny Andriamanitry ny fitiavana sy ny fiadanana dia hiaraka aminareo. [12]Mifampiarahabà ianareo amin'ny fanorohona Masina.
[13]Ireo mpino rehetra dia manao veloma anareo.[1] [14]Enga anie ny fahasoavan'ny Tompo Jesosy Kristy, ny fitiavan'Andriamanitra, sy ny fiarahana amin'ny Fanahy Masina ho ao aminareo rehetra.

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia manambatra ny andininy faha 13 amin'ny andininy faha 12 ary manao ny andininy faha14 ho andininy faha 13.

Galatiana

1 [1]Paoly, apostoly _ tsy apostoly avy amin'ny olona na tamin'ny alalan'ny olona, fa avy amin'i Jesosy Kristy sy ilay Andriamanitra Ray, izay nanangana Azy tamin'ny maty _ [2]ary ireo rahalahy rehetra miaraka amiko, ho an'ireo fiangonan'ny Galatiana:
[3]Fahasoavana ho aminareo ary fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo, [4]izay nanolotra ny tenany ho an'ny fahotantsika mba hanafahany antsika amin'izao androntny faharatsiana izao, araka ny sitrapon'Andriamanitsika sy Raintsika, [5]ho Azy anie ny voninahitra mandrakizay doria. Amena.
[6]Gaga aho hoe niala faingana tamin'ilay niantso anareo tamin'ny fahasoavan'i Kristy ianareo. Gaga aho fa mitodika ho amin'ny filanzantsara hafa ianareo. [7]Tsy midika akory izany fa misy filanzantsara hafa, fa misy olona maromaro izay mitondra fikorontanana ho anareo ary te hanova ny filazantsaran'i kristy.
[8]Fa na izahay na anjely avy any an-danitra aza no hitory filazantsara hafa aminareo noho izay nitorianay taminareo, dia aoka izy ho voaozona. [9]Araka izay nolazainay taloha, dia ankehitriny aho manambara indray hoe: "Raha misy olona manambara aminareo filazantsara hafa noho izay noraisinareo, dia aoka izy ho voaozona." [10]Moa ve izaho ankehitriny mitady ny fakantoavan'ny olona sa Andriamanitra? Moa ve izaho mitady izay hampifaly ny olona? Raha mbola manohy miezaka ny hampifaly olona aho, dia tsy mpanompon'i Kristy.
[11]Fa tiako ho fantatrareo, ry rahalahiko, fa ny filazantsara izay nambarako dia tsy filazantsaran'olombelona. [12]Tsy nandray izany tamin'olona aho, na nampianarina ahy izany. Fa kosa, izany dia fanambaran'i Kristy Jesosy tamiko.
[13]Fa ianareo nahare ny amin'ny fiainako taloha tamin'ny fomba fivavahana Jiosy, sy ny fomba nanenjehako ny fiangonan'Andriamanitra mihoatra ny tokony ho izy ary ny fiezahako handrava izany. [14]Nandroso tamin'ny fivavahan'ny Jiosy aho nihoatra ny maro tamin'ireo nitovy taona tamiko, avy tamin'ireo iray firenena tamiko. Toy izany ny fomba nihazonako mafy ireo fomban-drazako.
[15]Kanefa Andriamanitra, izay nanokana ahy hatrany an-kibon-dreniko, ary niantso ahy tamin'ny alalan'ny fahasoavany, [16]rehefa faly ny hampiseho ny Zanany lahy tamiko, mba hahafahako manambara Azy any amin'ny Jentilisa, dia tsy naka saina tamin'ny nofo sy ra avy hatrany aho. [17]Tsy niakatra tany Jerosalema ho any amin'ireo efa lasa Apostoly talohako aho. Fa kosa, nandeha tany Arabia ary avy eo niverina tany Damaskosy aho.
[18]Ary telo taona taoriana dia niakatra tany Jerosalema mba hifankafantatra tamin'i Kefasy aho ary nijanona niaraka taminy nandritra ny dimy ambin'ny folo andro. [19]Fa tsy nisy hitako ireo Apostoly ankoatra an'i Jakoba, ilay rahalahin'ny Tompo. [20]Ary ao amin'izay soratako ho anareo, dia manome toky anareo aho eo anatrehan'Andriamanitra, fa tsy mandainga aho.
[21]Avy eo aho dia nandeha tany amin'ny faritr'i Syria sy Kilikia. [22]Tsy mbola fantatra teo amin'ireo fiangonan'i Jodia izay ao amin'i Kristy aho. [23]Henon'izy ireo fotsiny izay voalaza hoe: "Ilay lehilahy izay nanenjika antsika fahiny ankehitriny dia

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

manambara ilay finoana izay niezahany nopotehina taloha." [24]Noho izany izy ireo dia nidera an'Andriamanitra noho ny amiko.

2 [1]Efatra ambin'ny folo taona taty aoriana dia niakatra tany Jerosalema indray aho niaraka tamin'i Barnabasy, dia nitondra an'i Titosy niaraka tamiko. [2]Niakatra tany nohon'ny fanambarana iray aho ary nametraka teo amin'izy ireo ny filazantsara izay toriako eo amin'ireo Jentilisa. Niresaka mitokana tamin'ireo izay noheverina ho manan-danja aho, mba hahazoana antoka fa tsy nihazakazaka _ na efa nihazakazaka _ very maina aho.
[3]Fa na Titosy aza, izay niaraka tamiko no sady Grika, dia noterena ho voafora. [4]Niditra mangingina ireo rahalahy sandoka mba hitsikilo ny fahafahana hananany ao amin'i Kristy Jesosy. Naniry ny hanandevo anay izy ireo, [5]fa tsy nety ny hanaiky azy ireo na dia fotoana kely aza izahay, mba hitoeran'ny fahamarinan'ny filazantsara aminareo.
[6]Fa ireo izay noheverina ho manan-danja (na inona na inona izy ireo dia tsy mampaninona ahy, Andriamanitra dia tsy miangatra) _ lazaiko, ireo, izay heverina ho manan-danja dia tsy nanampy na inona na inona tamiko. [7]Mifanohitra amin'izany, hitan'izy ireo fa nanankinana ny filazantsara ho an'ireo izay tsy voafora aho, tahaka ny nanankinana an'i Petera ny filazantsara ho an'ireo izay voafora. [8]Fa Andriamanitra, izay niasa tao amin'i Petera ho amin'ny maha-apostoly ho an'ireo izay voafora, dia niasa tato amiko ihany koa ho an'ireo Jentilisa.
[9]I Jakoba, Kefasy, ary Jaona, izay fantatra fa anisan'ireo nanorina ny fiangonana, rehefa nahalala ny fahasoavana izay nomena ahy, dia nanome ny tanana ankavanan'ny fiombonana ho ahy sy Barabasy izy ireo. Nataon'izy ireo izany mba hahafahanay mankany amin'ny Jentilisa, ary mba hahafahan'izy ireo mankany amin'ireo izay voafora. [10]Nangataka fotsiny izy ireo mba hahatsiaro ny mahantra izahay, izay zavatra tena tiako atao tokoa.
[11]Fa rehefa tonga tany Antioka i Kefasy, dia nanohitra azy teo amin'ny tavany aho satria voalaza fa diso izy. [12]Talohan'ny nahatongavan'ireo lehilahy sasany avy any amin'i Jakoba, dia teo am-pisakafoana niaraka tamin'ireo Jentilisa i Kefasy. Fa rehefa tonga ireo lehilahy ireo, dia nijanona izy ary niala lavitra an'ireo Jentilisa. Natahotra ireo izay nitaky famorana izy.
[13]Ny sisa tamin'ireo Jiosy koa dia niray tamin'izany fiatsaram-belatsihy izany. Na i Barnabasy aza dia voavily lalana niaraka tamin'izy ireo tamin'ny fiatsaram-belatsihin'izy ireo. [14]Fa rehefa hitako fa tsy manaraka ny fahamarinan'ny filazantsara ny fitondran-tenan'izy ireo, dia niteny tamin'i Kefasy teo anoloan'izy rehetra aho hoe: "Raha Jiosy ianao kanefa miaina tahaka ny Jentilisa fa tsy tahaka ny Jiosy, ahoana no ahafahanao manery ireo Jentilisa hiaina tahaka ny Jiosy?"
[15]Isika dia Jiosy tamin'ny alalan'ny fahaterahana fa tsy mpanota Jentilisa; [16]fantatsika anefa fa tsy misy olona hamarinin'ny asan'ny lalàna fa amin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy Jesosy. Isika ihany koa dia tonga tamin'ny finoana an'i Jesosy Kristy mba ho hamarinina amin'ny finoana an'i Kristy fa tsy amin'ny asan'ny lalàna. Fa tsy hisy nofo ho hamarinina amin'ny asan'ny lalàna.
[17]Fa raha toa ka, mitady ho hamarinina ao amin'i Kristy isika, isika ihany koa, dia hita fa mpanota, moa mamporisika ny fahotana ary ve i Kristy? Tsia avy hatrany! [18]Fa raha manangana indray ireo zavatra efa noravako taloha aho, dia manaporofo ny tenako ho mpandika lalàna aho. [19]Fa tamin'ny lalàna no nahafatesako amin'ny lalàna, mba ho velona ho an'Andriamanitra aho.
[20]Nohomboana niaraka tamin'i Kristy aho. Tsy izaho intsony no velona, fa i Kristy no velona ato anatiko. Ny fiainana iainako ao amin'ny nofo ankehitriny dia iainako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, izay tia ahy ka nanolotra ny tenany ho ahy. [21]Tsy manilika ny fahasoavan' Andriamanitra aho, fa raha azo amin'ny lalàna ny fahamarinana, dia tsy misy dikany ny nahafatesan'i Kristy!

3 [1]Ry Galatiana Adala! Iza no namosavy anareo? Teo imasonareo indrindra no nanehoana an'i Jesosy Kristy voahombo.
[2]Izao ihany no zavatra tiako ianarana aminareo: Nandray ny Fanahy tamin'ny asan'ny lalàna sa tamin'ny finoana izay renareo ianareo? [3]Adala tokoa ve ianareo? Niatomboka tamin'ny Fanahy ianareo, dia hiafara amin'ny nofo ve ankehitriny?
[4]Moa niharitra zava-maro tamin'ny tsy misy dikany ve ianareo_ fa raha tena zava-poana tokoa ary izany? [5]Moa ve izy izay manome ny Fanahy anareo sy manao asa mahagaga eo aminareo dia manao izany izany amin'ny asan'ny lalàna, sa amin'ny fihainoana amin'ny finoana?
[6]Tahaka an'i Abrahama "nino an'Andriamanitra ary nisaina ho fahamarinany izany," [7]dia tahaka izany, fantaro, fa ireo izay amin'ny finoana dia zanak'i Abrahama. [8]Ny Soratra Masina, nahita mialoha fa Andriamanitra hanamarina ireo Jentilisa amin'ny finoana, dia nitory ny filazantsara mialoha tamin'i Abrahama, niteny hoe: "Avy aminao no hitahiana ny firenena rehetra." [9]Koa, ireo izay amin'ny finoana dia voatahy miaraka amin'i Abrahama, ilay olon'ny finoana.
[10]Ireo izay miankina amin'ny asan'ny lalàna dia eo ambanin'ny ozona; fa voasoratra hoe: "Voaozona izay rehetra tsy manaiky ny zavatra rehetra voasoratra ao anatin'ny bokin'ny lalàna, sy manao ireny." [11]Ankehitriny dia mazava fa tsy misy olona izay hamarinina eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny lalàna, satria ny marina dia ho velona amin'ny finoana. [12]Fa ny lalàna dia tsy araka ny finoana, fa kosa, "Ny olona izay manao ny asan'ny lalàna dia tsy maintsy velona amin'ireo".

[13]Kristy nanavotra antsika tamin'ny ozon'ny lalàna tamin'ny nahatongavany ho ozona ho antsika— fa voasoratra hoe: "Voaozona izay rehetra mihantona amin'ny hazo" _ [14]mba ho tonga amin'ny Jentilisa ny fitahian'i Abrahama ao amin'i Kristy Jesosy, mba ho amin'ny finoana no ahazoantsika ilay fampanantenan'ny Fanahy.
[15]Ry rahalahy, avelao aho hiteny araka ny fanaon'ny olona. Ao amin'ny fifanarahana ataon'ny olona, tsy misy afaka manafoana na manampy izay ao, rehefa tafapetraky ny lalàna izany. [16]Ary ireo fampanantenana dia nolazaina tamin'i Abrahama sy tamin'ireo taranany. Tsy milaza izany hoe: "ho an'ny taranaka," manondro olona maro, fa kosa olona iray ihany, "ho an'ny taranakao," dia i Kristy.
[17]Ary izao no tiako ho lazaina: "Ny lalàna, izay tonga telo-polo sy efa-jato taona taty aoriana, dia tsy hahafoana ny fanekena izay efa napetrak'Andriamanitra mialoha. [18]Fa raha avy amin'ny lalàna ny lova, dia tsy avy amin'ny fampanantenana intsony izany. Fa Andriamanitra nanome izany an'i Abrahama tamin'ny alalan'ny fampanantenana.
[19]Inona, ary, ny tanjon'ny lalàna? Nasiana izany noho ireo fandikan-dalàna, mandra-pahatongan'ny taranak'i Abrahama eo amin'izay nanaovana ny fampanantenana. Ny lalàna dia nataon'ny mpanalalana iray ho manan-kery tamin'ny alalan'ny anjely. [20]Fa ny mpanalalana dia midika olona mihoatra ny iray, kanefa Andriamanitra dia iray.
[21]Moa ve ny lalàna manohitra ireo fampanantenan'Andriamanitra? Sanatria izany! Fa raha nisy lalàna nomena izay afaka manome fiainana, dia avy tamin'ny lalàna tokoa ny fahamarinana. [22]Fa ny Soratra Masina nanagadra ny zava-drehetra ambanin'ny fahotana. Nanao izany Andriamanitra mba hanomezana ho an'ireo mino ny fampanantenana ny hanavotana antsika amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy.
[23]Ary talohan'ny ny nahatongavan'ny finoana, isika dia notazonina ho babo tao ambanin'ny lalàna, nogadraina mandra-pisehon'ny finoana. [24]Koa avy eo ny lalàna dia lasa mpiambina antsika nandra-piavian'i Kristy, mba ho voamarina amin'ny finoana isika. [25]Fa izao dia tonga izany finoana izany, ka tsy eo ambanin'ny mpiambina intsony isika. [26]Fa ianareo rehetra dia zanak'Andriamanitra ao amin'ny finoana an'i Kristy Jesosy.
[27]Fa maro aminareo izay natao batisa tao amin'i Kristy, no nandray an'i Kristy. [28]Ary tsy misy intsony na Jiosy na Grika, na andevo na olon'afaka, na lahy na vavy, fa iray ihany ianareo ao amin'i Kristy. [29]Koa raha an'i Kristy ianareo, dia taranak'i Abrahama, sy mpandova araka ny fampanantenana ianareo.

4 [1]Milaza aho fa ny mpandova, raha mbola zaza izy, dia tsy hafa amin'ny andevo, na dia tompon'ny zavatra rehetra aza.
[2]Kanefa izy dia eo ambany fifehezan'ireo mpiambina sy ireo mpitahiry zava-tsarobidy mandra-pahatongan'ny daty izay napetraky ny rainy.
[3]Ka toy izany ihany koa, fony isika mbola zaza, dia nandevozin'ireo lalàna fitsipi-pianaran'izao tontolo izao. [4]Fa rehefa tonga ny fahafenoan'ny fotoana, dia nandefa ny Zanany Andriamanitra, izay natera-behivavy, nateraka tao ambanin'ny lalàna. [5]Nanao izany Izy mba hanavotana ireo izay ambanin'ny lalàna, mba hahafahantsika mandray ny fananganana ho zanaka.
[6]Ary satria zanaka ianareo, dia nirahin'Andriamanitra ho ao am-pontsika ny Fanahin'ny Zanany, izay miantso hoe: "Aba, Ray." [7]Noho izany tsy andevo intsony ianao, fa zanaka, ary raha zanaka, dia mpandova amin'ny alalan'Andriamanitra ihany koa ianao.
[8]Fa tamin'izany fotoana izany, fony ianareo tsy nahalala an'Andriamanitra, dia natao ho andevon'ireo izay, amin'ny hery voajanahary, dia tsy andriamanitra velively. [9]Fa ankehitriny ianareo dia lasa nahalala an'Andriamanitra, na koa hoe fantatr'Andriamanitra ianareo, ka ahoana no hiverenanareo amin'ny abidim-pianarana malemy no sady tsy misy dikany? Te ho andevozina indray ve ianareo?
[10]Mandinika ireo andro sy ireo volana ary ireo vanim-potoana sy ireo taona ianareo! [11]Matahotra ny aminareo aho fa sao dia ho zava-poana ny asako teo aminareo.
[12]Miangavy anareo aho, ry rahalahy, manaova tahaka ahy, satria izaho ihany koa dia efa lasa tahaka anareo. Tsy nanao ratsy tamiko ianareo. [13]Kanefa fantatrareo fa noho ny aretim-batako no nanambarako anareo ny filazantsara tamin'ny voalohany. [14]Na dia nitondra anareo tamin'ny fakam-panahy aza ny toe-batako, dia tsy nanao tsinontsinona na nanilika ahy ianareo. Fa noraisinareo toy ny hoe anjelin'Andriamanitra kosa aho, toy ny hoe izaho mihitsy no Kristy Jesosy.
[15]Aiza, noho izany, ny fahasoavanareo ankehitriny? Fa mijoro vavolombelona aminareo aho fa, raha azonareo atao, dia noesorinareo ny masonareo ary nomenareo ahy izany. [16]Ka noho izany, efa lasa fahavalonareo ve aho satria milaza aminareo ny marina?
[17]Izy ireo dia mazoto ny hitaona anareo, fa tsy amin'ny tsara. Te hanidy anareo any ivelany izy ireo, mba hanananareo zotom-po ho azy ireo. [18]Tsara foana ny manana zotom-po amin'ny tanjona tsara, ary tsy rehefa miaraka aminareo ihany aho.
[19]Ry zanako, mbola mijaly amin'ny fanaintainan'ny fiterahana ho anareo indray aho mandra-piforon'i Kristy ao aminareo.
[20]Maniry aho mba ho afaka miaraka aminareo ankehitriny ary hanova ny feoko, satria sahiran-tsaina noho ny aminareo aho.
[21]Teneno amiko, ianareo izay maniry ny ho eo ambanin'ny lalàna, moa tsy mihaino ny lalàna ve ianareo? [22]Satria voasoratra fa i Abrahama dia nanan-janaka roa lahy, ny iray avy amin'ny andevo vavy ary ny iray avy amin'ny vehivavy afaka. [23]Fa ny iray dia nateraky ny andevo vavy araka ny nofo, fa ilay iray hafa dia nateraky ny vehivavy tamin'ny teny fampanantenana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[24]Ireo zavatra ireo dia azo raisina ho toy ny fanoharana, satria ireo vehivavy ireo dia manambara fanekena roa. Ny iray amin'izy ireo dia avy amin'ny tendrombohitr'i Sinay ary niteraka zaza izay andevo izy. Izy io dia i Hagara. [25]Ary i Hagara dia maneho ny tendrombohitr'i Sinay any Arabia; ary maneho an'i Jerosalema amin'izao fotoana izao, satria nandevozina niaraka tamin'ireo zanany izy.
[26]Fa i Jerosalema izay any ambony dia afaka, ary izy no renintsika. [27]Satria voasoratra hoe: "Mifalia, ianao ry momba izay tsy miteraka. Miantsoantsoa mafy ary manaova hiaka fifaliana, ianao izay tsy mijaly amin'ny fanaintainan'ny fiterahana. Satria ireo zanaky ny vehivavy izay nafoy dia maro noho ny an'ireo vehivavy manambady."
[28]Fa ianareo, ry rahalahy, tahaka an'i Isaka, dia zanaky ny fampanantenana. [29]Tamin'izany fotoana izany ny olona izay teraka araka ny nofo dia nanenjika izay teraka araka ny Fanahy. Toy izany ihany ankehitriny.
[30]Kanefa inona no lazain'ny soratra masina? "Alefaso any ny andevo vavy sy ny zanany lahy. Fa ny zanaka lahin'ny andevo vavy dia tsy hizara lova miaraka amin'ny zanaka lahin'ny vehivavy afaka." [31]Noho izany, ry rahalahy, tsy zanaky ny andevo vavy isika, fa zanaky ny vehivavy afaka.

5 [1]Ho amin'ny fahafahana no nanafahan'i Kristy antsika. Miorena tsara, noho izany, aza mety ho ao ambanin'ny ziogan'ny fanandevozana indray. [2]Indro, izaho, Paoly, miteny aminareo fa raha mamela ny tenanareo ho foraina ianareo, dia tsy hahasoa anareo amin'ny fomba rehetra Kristy.
[3]Mijoro vavolombelona amin'ny olona tsirairay izay mamela ny tenany ho voafora indray aho fa voatery hanaraka ny lalàna rehetra izy. [4]Tafasaraka tamin'i Kristy ianareo, izay te ho hamarinina amin'ny lalàna; ary tsy miaina fahasoavana intsony ianareo.
[5]Fa amin'ny alalan'ny Fanahy, amin'ny finoana, no hiandrasantsika fatratra ny fanantenana ny fahamarinana. [6]Ao amin'i Kristy Jesosy dia tsy midika na inona na inona na voafora na tsy voafora, fa ny finoana miasa amin'ny fitiavana ihany. [7]Fa nihazakazaka tsara ianareo. Iza no nisakana anareo amin'ny fankatoavana ny marina? [8]Izany fandresen-dahatra izany dia tsy avy aminy ilay niantso anareo.
[9]Lalivay kely no mampitombo ny koba rehetra. [10]Fa matoky ny Tompo aho fa tsy handray fomba fijery hafa ianareo. Fa ny iray izay mampikorontana anareo no hanefa ny sazy, na iza izy na iza.
[11]Ry rahalahy, raha mbola mitory ny amin'ny famorana aho, nahoana aho no mbola enjehina? Amin'izany dia ho afaka tokoa ny fahatafintohinan'ny hazo fijaliana. [12]Fa ho an'ireo izay manakorontana anareo, enga anie ka hanapaka ny tenany izy ireo!
[13]Fa nantsoina ho amin'ny fahafahana ianareo, ry rahalahy. Nefa aza ampiasaina ho irika amin'ny filan'ny nofo ny fahafahanareo; fa kosa, amin'ny alalan'ny fitiavana dia mifanompoa. [14]Fa ny lalàna rehetra dia tanteraka ao amin'ny didy iray; ao amin'ny hoe: "Tsy maintsy mitia ny namanao tahaka ny tenanao ianao." [15]Fa raha mifanaikitra sy mifampihinana ianareo, dia mitandrema sao hifandringana.
[16]Fa hoy aho, mandehana araka ny Fanahy dia tsy hahatanteraka izay filan'ny nofo ianareo. [17]Fa manohitra ny Fanahy ny filan'ny nofo, ary manohitra ny filan'ny nofo ny fanirian'ny Fanahy. Fa mifanohitra ireo, mba tsy hahafahanareo manao izay zavatra tianareo. [18]Fa raha tarihin'ny Fanahy ianareo dia tsy ho ambanin'ny lalàna.
[19]Ankehitriny dia miharihary ny asan'ny filan'ny nofo: fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, [20]fanompoan-tsampy, famosaviana, fankahalana, fifandirana, fahasarotam-piaro, fipoahan'ny fahatezerana, fifandrafiana, fisaraham-bazana, fizarazarana, [21]fialonana, fahamamoana, fanakorontanana, ary ny zavatra mitovy amin'izany. Mampitandrina anareo aho, tahaka ny efa nampitandremako anareo taloha, fa tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra ireo izay mampihatra ireo zavatra ireo.
[22]Fa ny vokatry ny Fanahy dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, faharetana, hatsaram-panahy, fanaovan-tsoa, finoana, [23]fahalemem-panahy, ary fahafehezan-tena; tsy misy lalàna manohitra zavatra tahaka izany. [24]Ireo izay an'i Kristy Jesosy dia efa nanombo ny toetra feno fahotany niaraka tamin'ny fahafinaretany sy ny filany.
[25]Raha miaina amin'ny Fanahy isika, aoka handeha amin'ny Fanahy ihany koa. [26]Aoka isika tsy ho lasa mpieboebo, mifandrangitra, ary mifampialona.

6 [1]Ry rahalahy, raha misy olona azon'ny ota, ianareo izay ara-panahy no tokony hamerina azy indray amin'ny fahamoram-panahy. Mihevera ny tenanao, mba tsy ho halaim-panahy koa ianao. [2]Mifampitondrà ny mavesatra, ary amin'izany dia tanteraho ny lalàn'i Kristy.
[3]Fa raha misy olona mihevitra ny tenany ho zavatra kanefa tsinotsinona, dia mamitaka ny tenany izy. [4]Tokony handinika ny asany avy ny tsirairay, mba ho amin'ny tenany ihany ny antony hireharehany fa tsy amin'ny olon-kafa. [5]Fa samy hitondra ny entany avy ny olona tsirairay.
[6]Ny olona izay nampianarina ny teny dia tsy maintsy mizara ny zavatra tsara rehetra amin'izay mampianatra. [7]Aza mety ho fitahana. Tsy azo vazivaziana Andriamanitra, fa izay rehetra ambolen'ny olona, no ho jinjainy koa. Ho an'izay mamboly voa amin'ny toetrany feno fahotana, dia avy amin'izany no hijinjany fahasimbana. [8]Izay mamboly voa amin'ny Fanahy, amin'ny Fanahy no hijinjany ny fiainana mandrakizay.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Aoka isika mba tsy ho reraka amin'ny fanaovan-tsoa, fa hijinja ny vokatra isika amin'ny fotoana mety, raha tsy milavo lefona isika. [10]Koa noho izany, satria manana fahafahana isika, dia aoka hanao ny tsara amin'ny olona rehetra, indrindra fa amin'ny fianakavian'ny finoana.
[11]Jereo ny halehiben'ny soratra izay nosoratan'ny tanako ho anareo. [12]Ireo izay te hiseho ho tsara ao amin'ny nofo no miezaka manery anareo mba hoforaina. Manao izany izy ireo mba hialana amin'ny fanenjehana nohon'ny amin'ny hazofijalian'i Kristy. [13]Na ireo izay tsy voafora aza dia tsy mitandrina ny lalàna, nefa tian'izy ireo hoforaina ianareo mba hireharehan'izy ireo amin'ny nofonareo.
[14]Nefa tsy hirehareha na oviana na oviana afa-tsy ny amin'ny hazofijalian'i Jesosy Kristy Tompontsika anie aho, izay nanomboana an'izao tontolo izao teo amiko, ary izaho kosa teo amin'izao tontolo izao. [15]Fa ny famorana na ny tsy famorana dia samy tsy misy dikany, fa ny fiainam-baovao no misy dikany. [16]Ho an'ny ireo rehetra izay miaina araka izany fomba izany, dia ho amin'izy ireo anie ny fiadanana sy ny famindram-po, na amin'ny Israelin'Andriamanitra aza.
[17]Manomboka izao dia aoka tsy hisy hanadala ahy, fa mitondra ireo marik'i Jesosy eo amin'ny vatako aho. [18]Ho amin'ny fanahinareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika, ry rahalahy. Amena.

Efesiana

1 [1]Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy araka ny sitrapon'Andriamanitra, ho an'ireo olo-masin'Andriamanitra any Efesosy, izay mahatoky ao amin'i Kristy Jesosy. [2][1]Ho aminareo ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.
[3]Deraina anie ny Andriamanitra sy Rain'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay nitahy antsika tao amin'i Kristy tamin'ny fitahim-panahy rehetra avy any an-danitra ao amin'i Kristy. [4]Andriamanitra nifidy antsika tao aminy hatramin'ny fiantombohan'izao tontolo izao, mba ho masina sy tsy manan-tsiny eo anatrehany isika.
[5]Andriamanitra dia nisafidy antsika mialoha ho amin'ny fananganana ho zanaka tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy, araka ny sitrapony. [6]Ny fananganana antsika dia mitondra amin'ny fiderana ny fahasoavany be voninahitra izay nomeny antsika maimaimpoana tao amin'ilay Iray izay tiany.
[7]Ao amin'i Jesosy Kristy dia mahazo fanavotana amin'ny ràny sy ny famelan-keloka isika, araka ny harem-pahasoavany.
[8]Narotsany tamintsika tamin'ny fahendrena sy fahalalana rehetra izany fahasoavana izany.
[9]Nataon'Andriamanitra fantatra tamintsika ny zava-miafin'ny sitrapony, araka izay tiany, sy izay nasehony tao amin'i Kristy, [10]niaraka tamin'ny fandaharana iray amin'ny fahafenoan'ny fotoana, hanangonana ny zavatra rehetra, ety an-tany sy any an-danitra, ho loha iray, na Kristy aza.
[11]Ao amin'i Kristy dia voatendry ho mpandova isika. Nofidiana mialoha araka fandaharan'ilay mampiasa ny zavatra rehetra araka ny tanjon'ny sitrapony isika. [12]Andriamanitra nanendry antsika ho mpandova mba ho isika no manana fahatokiana voalohany ao amin'i Kristy, mba ho fiderana ny voninahiny isika.
[13]Tao amin'i Kristy, ianareo koa, rehefa naheno ny tenin'ny fahamarinana, dia ny filazantsaran'ny famonjena anareo, dia nino Azy ianareo ary voatomboka tamin'ilay Fanahy Masina nampanantenaina, [14]izay antoka ho an'ny lovantsika mandra-pahazoantsika tanteraka izany, ho fiderana ny voninahiny.
[15]Noho izany antony izany, hatramin'ny nahenoako ny finoanareo ny Tompo Jesosy ary ny fitiavanareo ireo olo-masiny rehetra, [16]dia tsy nitsahatra ny nisaotra an'Andriamanitra aho noho ny aminareo ary tsaroako am-bavaka ianareo.
[17]Mivavaka aho mba ny Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontsika, ilay Rain'ny voninahitra, hanome anareo ny fanahin'ny fahendrena sy fanambarana amin'ny fahalalana Azy. [18]Mivavaka aho mba hanazavana ny mason'ny fonareo, mba hahafantaranareo ny toky izay niantsoany anareo sy ny haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ireo olo-masin'Andriamanitra rehetra.
[19]Ao amin'ny fivavako dia mangataka aho mba hahafantaranareo ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ao amintsika izay mino, araka ny fiasan'ny heriny lehibe. [20]Izany hery izany ihany no nampiasain'Andriamanitra tao amin'i Kristy rehefa natsangany tamin'ny maty Izy ary napetrany teo an-tanany ankavanana tany an-danitra. [21]Kristy dia napetrany ho ambonin'ny lalàna sy ny fahefana ary ny hery sy fitsarana, ary ny anarana rehetra izay misy. Hanapaka Kristy, tsy ho amin'izao vanim-potoana izao ihany, fa ho amin'ny vanim-potoana ho avy koa.
[22]Napetrak'Andriamanitra ho ao ambanin'ny tongotr'i Kristy avokoa ny zavatra rehetra ary natolony ho lohan'ny zavatra rehetra ao amin'ny fiangonana Izy. [23]Ny fiangonana no vatany, ilay fahafenoin'Ilay mameno ny zavatra rehetra amin'ny endriny rehetra.

---

[1]Fanamarihana: Misy fandikana sasany manala ny hoe: "Ao Efesosy" saingy mety ao amin'ny taratasin'i Paoly tamin'ny voalohany izany.

---

2 [1]Ary ny momba anareo, dia maty tao anatin'ny fahadisoanareo sy ny fahotanareo ianareo. [2]Tao amin'ireny fahadisoana ireny no niainanareo taloha araka ny fomban'izao tontolo izao. Niaina araka ny mpanapaka ireo fahefana eny amin'ny rivotra ianareo, ilay fanahy izay miasa ao amin'ireo zanaky ny tsy fankatoavana. [3]Niaina teo amin'ireny olona ireny avokoa isika taloha, nanatanteraka ireo filan-dratsin'ny nofontsika, ary nanatanteraka ny fanirian'ny nofo sy ny saina. Efa voahary ho zanaky ny fahatezerana, toy ny zanak'olombelona sisa isika.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[4]Saingy manan-karena famindram-po Andriamanitra noho ilay fitiavany lehibe izay nitiavany antsika. [5]Tamintsika mbola maty tao anatin'ny fahadisoana, dia novelominy niaraka tamin'i Kristy _ tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo.
[6]Niara-natsangan'Andriamanitra isika, ary niara-napetrany tao an-danitra ao amin'i Kristy Jesosy, [7]mba afahany mampiseho antsika amin'ny vanim-potoana ho avy ny halehiben'ny haren'ny fahasoavany izay tsy azo refesina asehony amin'ny hatsaram-panahiny amintsika ao amin'i Kristy Jesosy.
[8]Fa tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo tamin'ny alalan'ny finoana, ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezan'Andriamanitra. [9]Tsy avy amin'ny asa ny fahasoavana mba tsy hisy hirehareha. [10]Fa asan'Andriamanitra isika, noforonina tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa izay fandaharan'Andriamanitra efa ela ho antsika, mba handehanantsika ao amin'ireo.
[11]Noho izany tadidio fa Jentilisa tao amin'ny nofo ianareo taloha. Ianareo dia antsoina hoe "tsy voafora" eo amin'ireo izay antsoina hoe "voafora" ao amin'ny nofo nataon'ny tanan'olombelona. [12]Satria mbola tafasaraka tamin'i Kristy ianareo tamin'izany fotoana izany. Mpivahiny ianareo teo amin'ny vahoakan'ny Israely. Ary vahiny tamin'ny faneken'ny fampanantenana ianreo. Tsy mbola nanana fanantenana ny amin'ny ho avy ianareo. Tsy niaraka tamin'Andriamanitra ianareo teto amin'izao tontolo izao.
[13]Fa ankehitriny ao amin'i Kristy Jesosy ianareo izay lavitra an'Andriamanitra taloha dia nampanakaikezina tamin'ny ràn'i Kristy. [14]Satria Izy no fihavanantsika. Izy no nahatonga ny roa ho iray. Tamin'ny nofony no nandrodanany ny rindrin'ny fanoherana izay nampizarazara antsika. [15]Izany hoe, nofoanany ny lalàn'ny didy sy ny fitsipika mba hanaovany olom-baovao iray ao Aminy, sy mba hanaovana fampihavanana. [16]Kristy dia mampihavana ny vahoaka roa tonta ho vatana iray amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny hazofijaliana, ka mamono ny fanoherana.
[17]Fa tonga Jesosy ary nitory fihavanana ho anareo izay lavitra ary fihavanana ho an'ireo izay akaiky. [18]Fa amin'ny alalan'i Jesosy no hananantsika roa tonta fifandraisana amin'ny Fanahy iray mankany amin'ny Ray.
[19]Noho izany, tsy vahiny sy mpivahiny intsony ianareo Jentilisa izao. Fa vao maika aza mpiray firenena miaraka amin'ireo izay olo-masin'Andriamanitra ianareo sady isan'ny ankohonan'Andriamanitra. [20]Efa naorina teo amin'ny fototra fanorenan'ireo apostoly sy ireo mpaminany ianareo, ary Kristy Jesosy mihintsy no vato fehizoro. [21]Ao Aminy no hikambanan'ny fanorenana rehetra ary hitomboany toy ny tempoly ao amin'ny Tompo. [22]Ao Aminy ihany no hananganana anareo miaraka ho fitoerana ho an'Andriamanitra ao amin'ny Fanahy.

3 [1]Noho izany, izaho Paoly, dia gadran'i Kristy Jesosy ho anareo Jentilisa. [2]Ataoko fa naheno ny fitantanana ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena ahy ho anareo ianareo.
[3]Manoratra araka ny fanambarana nampahafantarina ahy aho. Izany no marina miafina momba izay nosoratako fohifohy taminareo. [4]Rehefa mamaky izany ianareo, dia ho afaka ny hahazo ny fomba fahazoako izany marina miafina momban'i Kristy izany. [5]Tamin'ireo taranaka hafa dia tsy natao fantatry ny zanak'olombelona izany marina izany. Fa ankehitriny kosa izany dia nambara tamin'ny alalan'ny Fanahy tamin'ireo Apostôly sy ireo mpaminaniny izay voatokana ho amin'ity asa ity.
[6]Izany marina miafina izany dia milaza fa ireo Jentilisa dia mpiara-mandova, sy mpiara-miombona amin'ny vatana, ary mizara ny fampanantenana ao amin'i Kristy Jesosy amin'ny alalan'ny filazantsara izy ireo. [7]Fa lasa mpanompon'izany filazantsara izany aho tamin'ny fahasoavan'Andriamanitra nomena ahy tamin'ny alalan'ny fiasan'ny heriny.
[8]Nomen'Andriamanitra ahy izany fanomezana izany, na dia izaho aza no farany kely indrindra amin'ireo olo-masin'Andriamanitra. Izany fanomezana izany dia ny mba hitoriako amin'ireo Jentilisa ny filazantsaran'ny haren'i Kristy saro-katsahina. [9]Ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra ho ahy dia ny hitondrako fanazavana amin'ny olon-drehetra ny fandaharan'Andriamanitra. Io fandaharana io dia nafenin'Andriamanitra, ilay nahary ny zavatra rehetra, nandritra ny taona maro taloha.
[10]Nampahafantarina tamin'ny fiangonana izany fandaharana izany mba hahatonga ireo mpanapaka sy ireo manam-pahefana any an-danitra hahalala ny toetra maron'ny fahendren'Andriamanitra. [11]Nitranga araka ny fandaharana mandrakizay izay tanterany tao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika izany.
[12]Fa ao amin'i Kristy no ananantsika fahasahiana sy lalana am-pahatokiana nohon'ny finoantsika Azy. [13]Noho izany miangavy anareo aho mba tsy ho kivy nohon'ny fijaliako ho anareo, izay voninahitrareo.
[14]Noho izany dia mandohalika eo anatrehan'ny Ray aho, [15]izay nanome anarana ny fianakaviana rehetra any an-danitra sy eto an-tany. [16]Mivavaka aho mba hanomezany anareo, araka ny haren'ny voninahiny, mba hatanjaka amin-kery amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, izay ao aminareo.
[17]Mivavaka aho mba hitoetra ao am-ponareo amin'ny finoana Kristy, mba hifototra sy hiorina ao amin'ny fitiavany ianareo. [18]Hahazo hery anie ianareo ka ho afa-mahatakatra, miaraka amin'ireo mpino rehetra, ny sakany, ny halavany, ny hahavony, ary ny halaliny, [19]ary mba hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra ny fahalalana rehetra, ka mba ho fenon'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra ianareo.
[20]Ary ho Azy izay mahavita manao mihoatra izay rehetra angatahintsika na eritreretintsika, araka ny hery izay miasa ao anatintsika, [21]ho Azy ny voninahitra ao amin'ny fiangonana ary ao amin'i Kristy Jesosy hatramin'ny taranaka rehetra mandrakizay doria. Amena.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

4 [1]Noho izany, izaho, amin'ny maha gadra ho an'ny Tompo ahy, dia mamporisika anareo mba handeha am-
pamendrehana amin'ny antso izay niantsoana anareo. [2]Mamporisika anareo aho mba hanana fanetren-tena lehibe sy
fahatsorana ary faharetana, mifandefitra amin'ny fitiavana. [3]Manaova izay faran'ny herinareo mba hitahirizana ny
firaisan'ny Fanahy amin'ny fatoran'ny fihavanana.
[4]Iray ihany ny vatana ary iray ihany ny Fanahy, tahaka ny niatsoana anareo tao amin'ny fanantenan'ny fiantsoana anareo
iray ihany koa. [5]Ary iray ihany ny Tompo, iray ny finoana, iray ny batisa, [6]ary iray ihany Andriamanitra sy ny Rain'ny
rehetra, izay ambonin'ny zavatra rehetra ary amin'ny alalan'ny zavatra rehetra sy ao amin'ny zavatra rehetra.
[7]Isika tsirairay avy dia nomena fahasoavana araka ny haben'ny fanomezan'i Kristy. [8]Araka ny tenin'ny Soratra Masina
izany hoe: "Rehefa niakatra tany amin'ny avo Izy, dia nitondra ireo babo ho amin'ny fahababoana, ary nanolotra
fanomezana ho an'ny vahoaka Izy."
[9]Inona ny hevitry ny hoe: "Niakatra Izy," raha tsy hoe nidina tany amin'ny faritra ambanin'ny tany ihany koa Izy? [10]Izy
Ilay nidina ihany ilay olona niakatra ambony tany an-danitra, mba afahany mameno ny zavatra rehetra.
[11]Kristy dia nanolotra ny sasany ho apostôly, ny sasany ho mpaminany, ny sasany ho evanjelista, ary ny sasany ho pasitera
sy mpampianatra. [12]Nanome ireo asa ireo Izy mba hanampiana ireo vahoakany masina ho amin'ny asa fanompoana,
amin'ny fanorenana ny vatan'i Kristy. [13]Manohy manorina ny vatany Izy mandra-pahatrarantsika rehetra ny firaisam-
pinoana sy ny fahalalana ny Zanak'Andriamanitra, ary mba hahatonga antsika ho matotra ka mba hahatratra ny
haben'ny fahafenoan'i Kristy.
[14]Manorina antsika Kristy mba tsy ho toy ny zaza izay atopatopan'ny onja intsony isika, ary tsy ho entin'ny rivotry ny
fampianarana sy ny hafetsen'ireo olona amin'ny tetika feno fitaka. [15]Fa isika kosa, amin'ny filazana ny fahamarinana
amin'ny fitiavana, dia tokony hitombo amin'ny fomba rehetra ao amin'Izy izay loha, izany hoe, Kristy. [16]Kristy dia
manangana ny tena rehetra, ary nakambana sy natambatra tamin'ny isan-tonony izany, ary rehefa miasa miaraka ireo,
dia mahatonga ny vatana hitombo mba hampiorina ny tenany amin'ny fitiavana.
[17]Noho izany, dia milaza sy manindry mafy izany ao amin'ny Tompo aho, mba tsy hiaina tahaka ny Jentilisa intsony
ianareo, amin'ny fahafoanan'ny fisainan'izy ireo. [18]Maizina ny fahalalan'izy ireo, tafasaraka amin'ny
fiainan'Andriamanitra nohon'ny tsy fahalalana ao amin'izy ireo, nohon'ny fahamafisam-pon'izy ireo. [19]Tsy mahalala
menatra izy ireo ary nanolotra ny tenan'izy ireo ho amin'ny filan'ny nofo, ary manohy manao izao karazam-pahalotoana
rehetra izao.
[20]Fa tsy izany no fomba nianaranareo ny momban'i Kristy. [21]Inoako fa naheno ny momba Azy ianareo, ary nampianarina
tao aminy, satria ny fahamarinana dia ao amin'i Jesosy. [22]Nampianarina ianareo mba hanary ny fomba fiainanareo
taloha, mba hanary ny toetra taloha. Ilay toetra taloha izay simba nohon'ny fitaky ny filany.
[23]Nampianarina ianareo mba hihavao ao amin'ny fanahin'ny sainareo, [24]ary hitafy ilay olom-baovao izay nohariana araka
ny endrik'Andriamanitra _ ao amin'ny tena fahamarinana sy fahamasinana.
[25]Noho izany, ialao ny lainga, ary aoka ny tsirairay aminareo hifampilaza ny marina amin'ny namany, satria samy isan'ny
rantsan'ny rehetra isika. [26]Mitezera fa aza manota. Aza avela ho tratrin'ny masoandro mody ny hatezeranao. [27]Aza
manome hirika ho an'ny devoly.
[28]Izay nangalatra dia tsy tokony hangalatra intsony. Tsy maintsy miasa izy, manao asa tsara amin'ny tanany, mba
hananany zavatra ho zaraina ho an'ireo ao anatin'ny tsy fahampiana. [29]Aza avela hisy teny maloto hivoaka avy amin'ny
vavanareo. Mampiasà teny izay ilaina amin'ny fanorenana ny hafa, araka izay ilain'izy ireo, mba tena hanampy ireo izay
mihaino anareo ny teninareo. [30]Ary aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra, fa avy aminy no nanaovana
tombo-kase anareo ho amin'ny andron'ny fanavotana.
[31]Ialao ny lolom-po rehetra, haromontana, ny hatezerana, ny fifamaliana, ary ny fifampitenenan-dratsy, miaraka
amin'ireo karazan'asa ratsy rehetra. [32]Manàna fahalemem-panahy amin'ny tsirairay avy, fahatsoram-po, mifamelà heloka,
toy ny namelan'Andriamanitra anareo tao amin'i Kristy.

5 [1]Noho izany aoka mba ho mpaka tahaka an' Andriamanitra, tahaka ny zanaka malala. [2]Ary mandehana amin'ny
fitiavana, araka ny nitiavan'i Kristy antsika ihany koa sy nanomezany ny tenany ho antsika, fanatitra manim-pofona sy
sorona ho an'Andriamanitra.
[3]Fa tsy tokony hisy na dia resaka fijangajangana na karazana fahalotoana na tsy fahononan-tena aza eo aminareo, fa tsy
mendrika ny olo-masin'Andriamanitra ireo. [4]Aoka tsy hisy mamoafady, resaka adaladala, ary hanihany tafahoatra _ fa tsy
mendrika ny rehetra amin'ireo. Fa kosa tokony hisy fankasitrahana.
[5]Fa afaka mahazo antoka ny amin'izao ianareo, fa tsy hisy mpijangajanga, maloto, na ny mpierina _ izany hoe,
mpanompo sampy _ manana lova ao amin'ny fanjakan'i Kristy sy Andriamanitra. [6]Aoka tsy hisy hamitaka anareo amin'ny
teny foana, satria noho ireo zavatra ireo dia tonga amin'ny zanaky ny tsy fankatoavana ny hatezeran'Andriamanitra.
[7]Noho izany, aza mikambana amin'izy ireo.
[8]Fa maizina ianareo fahiny, fa izao ianareo dia fahazavana ao amin'ny Tompo. Mandehana tahaka ny zanaky ny mazava,
[9](fa ny vokatry ny fahazavana dia ao amin'ny fahatsarana rehetra, fahitsiana, sy fahamarinana). [10]ary tadiavo izay
mahafinaritra ny Tompo. [11]Aza mikambana amin'ireo asa tsy mamokatry ny haizina, fa ampiharihario kosa ireo. [12]Fa
mahamenatra na dia ny manonona ireo zavatra ataon'izy ireo any amin'ny miafina aza.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Fa rehefa hazavain'ny fahazavana ny zavatra iray, dia lasa miharihary. [14]Fa ny zavatra rehetra izay miharihary dia fahazavana. Noho izany dia voalaza hoe: "Mifohaza, ianao matory, ary mitsangàna amin'ny toeran'ny maty, dia hamiratra aminao Kristy."
[15]Mitandrema amin'ny fomba fiainanao _ tsy tahaka ny tsy hendry fa tahaka ny hendry. [16]Araraoty ny fotoana satria izao andro izao dia ratsy. [17]Noho izany, aza miadaladala, fa takaro hoe inona no sitrapon'ny Tompo.
[18]Ary aza manao mamon'ny divay, fa mitondra any amin'ny fahasimban-toetra izany. Fa kosa, aoka ho fenon'ny Fanahy Masina, [19]mifampiresaha aminareo samy ianareo amin'ny salamo sy fihirana ary hiram-panahy, mihirà ary mikaloa amin'ny Tompo amin'ny fonareo rehetra. [20]Misaora mandrakariva amin'ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika ho an' Andriamanitra ilay Ray, [21]mifanolora tena amim-panajana ho an'i Kristy.
[22]Ry vehivavy, maneke ny vadinareo, tahaka ny amin'ny Tompo. [23]Fa ny lehilahy no lohan'ny vavy tahaka an'i Kristy koa lohan'ny fiangonana, ary Kristy tenany no mpamonjy. [24]Fa tahaka ny haneken'ny fiangonana an'i Kristy, dia toy izany koa no tokony haneken'ny vehivavy ny vadiny amin'ny zavatra rehetra.
[25]Ry lehilahy, tiavo ny vadinareo, tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana sy nanomezany azy ny ainy. [26]Nanolotra ny tenany ho an'ny fiangonana Kristy mba afahany manamasina azy, tamin'ny fanadiovana azy tamin'ny rano fanasana amin'ny teny, [27]mba afahany mampiseho azy ho be voninahitra eo aminy, tsy misy pentina na kentrona na zavatra toy izany, fa masina sady tsy misy diso.
[28]Tahaka izany ihany koa ny lehilahy dia tokony ho tia ny vadin'izy ireo avy tahaka ny tenan'izy ireo. Izy izay tia ny vadiny dia tia ny tenany ihany koa. [29]Tsy mbola nisy nankahala ny tenany, fa mamahana sy mikarakara izany tsara, tahaka an'i Kristy mamahana ny fiangonana sy mikarakara azy ihany koa, [30]satria isika dia ratsam- batany.
[31]Noho izany antony izany ny lehilahy dia handao ny ray sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny, ary izy roa dia ho tonga nofo iray ihany." [32]Lehibe izany fahamarinana miafina izany _ fa Izaho dia miresaka momban'i Kristy sy ny fiangonana. [33]Kanefa, ny tsirairay aminareo ihany koa dia tokony ho tia ny vadiny avy tahaka ny tenany, ary ny vehivavy dia tokony hanaja ny vadiny.

6 [1]Ry zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo ao amin'ny Tompo, satria mety izany. [2]"Hajao ny rainao sy ny reninao" (izany no didy voalohany misy fampanantenana), [3]"mba hahita soa ianao ary mba ho lava andro iainana eto ambonin'ny tany."
[4]Ianareo ray, aza mitondra ny zanakareo ho amin'ny fahatezerana. Fa kosa, tezao amin'ny fitsipika sy ireo fampianaran'ny Tompo izy ireo.
[5]Ry mpanompo, mankatoava ny tomponareo ety an-tany amin'ny haja ambony sy fangovitana, amin'ny fahatsoran'ny fonareo. [6]Mankatoava azy ireo tahaka ny hankatoavanareo an'i Kristy. Mankatoava tsy eo imason'ny tomponareo ihany mba hankasitrahan'izy ireo. Fa kosa, mankatoava tahaka ny mpanompon'i Kristy, izay manao ny sitrak'Andriamanitra amin'ny fonareo manontolo. [7]Manompoa amin'ny fonareo manontolo, tahaka ny hoe manompo ny Tompo ianareo fa tsy olona, [8]satria fantatsika fa na inona na inona asa tsara ataon'ny olona tsirairay, dia handray valim-pitia avy amin' ny Tompo izy, na andevo izy na olon'afaka.
[9]Ianareo Tompo, manaova tahaka ireo zavatra ireo ihany koa amin'ny mpanomponareo. Aza mampihorohoro azy ireo. Fantatrareo fa Izy izay sady Tomponareo no Tompon'izy ireo dia any an-danitra, ary tsy misy fiangarana ao Aminy.
[10]Farany, mahereza ao amin'ny Tompo sy amin'ny tanjaky ny heriny. [11]Itafio ny fiadian'Andriamanitra rehetra, mba afahanao mijoro manohitra ireo tetiky ny devoly.
[12]Fa ny adintsika dia tsy manohitra ny nofo sy ny rà. Fa kosa, manohitra ny fanjakana sy ny fahefana ara-panahy sy ireo mpanapaky ny fanjakan'ny fahamaizinan-dratsy, manohitra ireo fanahy ratsy any amin'ny fitoeran-danitra. [13]Noho izany itafio ny fiadianan'Andriamanitra rehetra, mba afahanareo mijoro amin'izao andron'ny ratsy izao, ary rehefa vitanareo ny zavatra rehetra, dia hahatohitra ianareo.
[14]Mijoroa, noho izany, rehefa avy nanao ny fehikibon'ny fahamarinana sy ny fiarovan-tratran'ny fahitsiana ianareo. [15]Ary tahaka ny kiraro ho an'ny tongotrareo, dia hapetaho ny fahavononana hitory ny filazantsaran'ny fihavanana. [16]Amin'ny toe-javatra rehetra dia raiso ny ampingan'ny finoana, izay afahanareo manohitra ireo zana-tsipika mirehitr'afon'ilay ratsy.
[17]Ary raiso ny aro-lohan'ny famonjena sy ny sabatry ny Fanahy, izay tenin'Andriamanitra. [18]Amin'ny vavaka sy fangatahana rehetra, dia mivavaha amin'ny Fanahy amin'ny fotoana rehetra. Amin'izany fomba fisainana izany, dia miambena hatrany amin'ny faharetana rehetra, raha manolotra vavaka ho an'ireo olo-masin'Andriamanitra ianareo.
[19]Ary mivavaha ho ahy, mba hisy hafatra homena ahy rehefa manokatra ny vavako aho. Mivavaha mba afahako mampahafantatra amin'ny fahasahiana ny fahamarinana miafina momban'ny filazantsara. [20]Ho an'ny filazantsara no maha- ambasadaoro voafatotra amin'ny gadra ahy, mba afahako manambara izany am-pahasahiana, raha tsy maintsy hiteny aho.
[21]Tykiko, ilay rahalahy malala sy mpanompo mahatoky ao amin'ny Tompo, no hampahafantatra anareo ny zavatra rehetra, mba hahalalanareo izay ataoko. [22]Nirahiko taminareo izy noho io tanjona io indrindra, mba hahafantaranareo ireo zavatra momba anay, ary mba afahany mampahery ny fonareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[23]Fiadanana ho amin'ireo rahalahy, ary ny fitiavana miaraka amin'ny finoana avy amin'Andriamanitra Ray sy ny Tompo Jesosy Kristy. [24]Ny fahasoavana anie ho amin'izay rehetra tia an'i Jesosy Kristy Tompontsika amin'ny fitiavana tsy maty mandrakizay.

Filipiana

1 [1]Paoly sy Timoty, mpanompon'i Jesosy Kristy, ho an'ireo rehetra voatokana ho an'i Jesosy Kristy izay any Filipy, miaraka amin'ireo mpiandraikitra sy ireo diakona. [2]Ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.
[3]Misaotra ny Andriamanitro aho amin'ny fahatsiarovako anareo. [4]Ao amin'ny fivavahako ho anareo rehetra, dia amin'ny fifaliana hatrany no anaovako ny fivavahako. [5]Manome fisaorana aho nohon'ny amin'ny fiombonanareo amin'ny filazantsara nanomboka tamin'ny andro voalohany ka hatramin'izao. [6]Mahatoky an'izao zavatra izao aho, fa Izy izay nanomboka asa tsara taminareo dia hanohy hanatanteraka izany hatramin'ny andron'i Jesosy Kristy.
[7]Fa tsara amiko ny mahatsapa toy izany ny amin'ny momba anareo rehetra satria ato am-poko ianareo. Ianareo rehetra dia mpiara-miasa tamiko tamin'ny fahasoavana na tamin'ny figadrako sy tamin'ny fiarovako na koa tamin'ny fanamafisana ny filazantsara. [8]Fa Andriamanitra no vavolombeloko, fa manina anareo fatratra aho amin'ny famindrampon'i Kristy Jesosy.
[9]Ary izaho mivavaka an'izao: mba hitombo hatrany hatrany ny fitiavanareo amin'ny fahalalana sy amin'ny fahazavantsaina rehetra. [10]Mivavaka ho an'izany aho mba hanaiky izay tsara dia tsara ianareo, mba ho tso-po sy tsy misy tsiny amin'ny andron'i Kristy. [11]Mivavaka aho mba ho fenon'ny vokatry ny fahamarinana izay avy amin'i Jesosy Kristy ianareo, ho voninahitra sy fiderana an'Andriamanitra.
[12]Ary tiako ho fantatrareo, ry rahalahy, fa ireo zavatra izay nitranga tamiko dia niasa ho amin'ny fampandrosoana ny filazantsara tokoa. [13]Vokatr'izany, ny fatorako ao amin'i Kristy dia niharihary mazava nanerana ireo mpiambin'ny lapa manontolo sy ireo olona hafa. [14]Ny ankamaroan'ireo rahalahy dia manana toky lehibe kokoa ao amin'ny Tompo nohon'ny fatorako, ary sahy manambara tsy amin-tahotra ny teny izy ireo.
[15]Ny sasany aza dia mitory an'i Kristy amin'ny fialonana sy fifandirana tokoa, ary ireo hafa kosa amin'ny sitrapo tsara.
[16]Ireto farany dia manao izany amin'ny fitiavana, mahafantatra fa izaho dia napetraka eto ho fiarovana ny filazantsara.
[17]Fa iretsy voalohany dia mitory an'i Kristy amin'ny fitiavan-tena, fa tsy tso-po. Izy ireny dia mihevitra fa hanakorontana ahy raha mbola ao amin'ny fifatorako aho.
[18]Inona ary? Amin'ny fomba rehetra, na amin'ny fihatsaram-belatsihy na amin'ny fahamarinana, Kristy no toriana, ary mifaly ny amin'izany aho. Eny, ho faly aho, [19]fa fantatro fa izany dia hiafara amin'ny fanafahana ahy amin'ny alalan'ireo vavakareo sy ny fanampian'ny Fanahin'i Jesosy Kristy.
[20]Izany dia araka ny fiandrasako fatratra sy ny antoka fa izaho dia tsy ho menatra mihitsy, ary mbola amin'ny fahasahiana rehetra ihany, ankehitriny tahaka ny hatrizay, dia hisandratra ato amin'ny tenako Kristy, na amin'ny fiainana na amin'ny fahafatesana. [21]Ho ahy ny hoe miaina dia Kristy ary ny hoe maty dia tombony.
[22]Fa raha miaina amin'ny nofo aho, dia midika asa mahavokatra ho ahy izany. Kanefa inona no ho fidiako? Tsy fantatro.
[23]Fa voatery mafy eo anelanelan'izy roa aho. Ny faniriako dia ny handeha ary hiaraka amin'i Kristy, izay tsara lavitra,
[24]kanefa ny mitoetra ao amin'ny nofo dia ilaina kokoa noho ianareo.
[25]Resy lahatra ny amin'izany, dia fantatro fa hitoetra sy hanohy hiaraka aminareo rehetra aho, ho an'ny fandrosoanareo sy fifaliana ao amin'ny finoana. [26]Mba ho ao amiko dia hanana antony hireharehana ao amin'i Kristy Jesosy ianareo rehefa miverina any aminareo indray aho. [27]Matondrà tena amin'ny fomba mendrika ny filazantsara an'i Kristy, ka na tonga hijery anareo aho na tsy eo, dia afaka ny handre momba anareo, fa mijoro mafy amin'ny fanahy iray ianareo, amin'ny saina iray miara-miezaka ho an'ny finoana ny filazantsara.
[28]Ary aza mety ampitahorin'ireo izay fahavalonareo. Mariky ny fahapotehan'izy ireo izany, fa mariky ny famonjenareo kosa _ ary izany dia avy amin'Andriamanitra. [29]Fa nomena anareo izany, ho an'i Kristy, tsy hoe mba hinoana Azy fotsiny, fa hijaliana ho Azy koa, [30]fa ianareo dia manana ady mitovy amin'izay hitanareo tamiko, ary izay henonao amiko ankehitriny.

2 [1]Raha misy fampaherezana ao amin'i Kristy, raha misy fampiononana avy amin'ny fitiavany, raha misy firaisana ao amin'ny Fanahy, raha misy famindrampo lehibe sy fiantrana, [2]dia ataovy feno ny fifaliako amin'ny fisainana tahaka izany, amin'ny fananana fitiavana mitovy, amin'ny firaisana am-panahy, ary amin'ny fananana tanjona mitovy.
[3]Aza manao na inona na inona amin'ny fitiavan-tena na fanandratan-tena foana. Fa amin'ny fanetren-tena kosa dia mihevera ny hafa mihoatra ny tenanareo. [4]Tokony tsy hitady izay mahasoa ny tenanareo ihany ny tsirairay aminareo, fa izay mahasoa ny hafa ihany koa.
[5]Mihevera tahaka ny fisainana izay tao amin'i Kristy Jesosy ihany koa. [6]Efa nisy araka ny endrik'Andiamanitra Izy, fa tsy nihevitra izany fitoviany amin'Andriamanitra izany ho zavatra hifikirana Izy. [7]Ny mifanohitra amin'izany, nofoanany ny tenany. Naka ny endriky ny mpanompo Izy. Ary niseho ho tahaka ny olombelona Izy. Ary hita nitovy tamin'olombelona Izy. [8]Nanetry tena Izy ary tonga mpankatoa hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesan'ny hazofijaliana!

[9]Noho izany dia nasandratr'Andriamanitra avo dia avo ihany koa Izy. Nomeny ilay Anarana izay ambonin'ny anarana
rehetra Izy. [10]Nataony izany mba ho amin'ny Anaran'i Jesosy no handohalihan'ny lohalika rehetra, ny lohalik'ireo izay any
an-danitra sy ety an-tany ary any ambanin'ny tany. [11]Nataony izany haneken'ny lela rehetra fa i Jesosy Kristy no Tompo,
ho voninahit'Andriamanitra Ray.
[12]Noho izany, ry malalako, tahaka ny ankatoavanareo hatrany, tsy eo amin'ny fanatrehako ihany fa mihoatra lavitra aza
ankehitriny rehefa tsy eo aho, dia asehoy amin'ny tahotra sy hovitra ny famonjena anareo. [13]Satria Andriamanitra no
miasa ao aminareo mba ho vonon-kanao no sady hiasa ho an'ny fifaliany ianareo.
[14]Ataovy tsy am-pitarainana na fiadian-kevitra ny zavatra rehetra. [15]Manaova toy izany mba ho tonga
zanak'Andriamanitra tsy misy tsiny sady marina, tsy misy kilema ianareo. Miasà toy izany mba hamirapiratanareo
tahaka ny fahazavana eo amin'izao tontolo izao, eo afovoan'ny taranaka meloka sady maditra. [16]Mifikira mafy amin'ilay
Tenin'ny fiainana mba hananako antony hireharehàna amin'ny andron'i Kristy. Fa amin'izany dia ho fantatro fa tsy very
maina ny nihazakazahako ary tsy very maina ny niasàko.
[17]Fa na dia ahidina ho fanatitra eo amin'ny sorona sy fanompom-pinoana aza aho, dia mifaly aho, ary miara-mifaly
aminareo rehetra aho. [18]Ary tahaka izany koa no hifalianareo, ary miara-mifaly amiko ianareo.
[19]Fa manantena ao amin'i Tompo Jesosy aho fa handefa an'i Timoty any aminareo faingana, mba hahery ihany koa aho
rehefa fantatro ny zavatra momba anareo. [20]Fa tsy manana olona hafa mitovy toe-tsaina aminy aho, izay tena manahy ny
aminareo. [21]Fa izy rehetra dia mitady ny tombon-tsoany, fa tsy ny zavatr'i Jesosy Kristy.
[22]Fa fantatrareo ny fahamendrehany, satria tahaka ny zaza manompo ny rainy, no nanompoany niaraka tamiko tao
amin'ny filazantsara. [23]Koa manantena ny handefa azy aho raha vao hitako hoe manao ahoana ny fandehan-javatra aty
amiko. [24]Fa matoky ny Tompo aho fa ho avy any faingana koa ny tenako.
[25]Fa mieritreritra aho fa ilaina ihany koa ny mampiverina an'i Epafrodito any aminareo. Ralahiko izy sy mpiara-miasa no
mpiara-miady, sady mpitondra hafatrareo izy no mpanompo amin'izay ilaiko. [26]Fa tra-pahoriana mafy izy, ary manina ny
hiaraka taminareo rehetra izy, satria renareo fa narary izy. [27]Fa tena narary izy ka efa saika maty. Fa namindra fo taminy
Andriamanitra, ary tsy taminy irery, fa tamiko koa, mba tsy hananako alahelo ambonin'ny alahelo.
[28]Koa dia amim-paharisihana lehibe rehetra no handefasako azy, ka rehefa hahita azy indray ianareo dia mba hifaly ka
dia ho afaka kokoa amin'ny fanahiako aho. [29]Raiso ao amin'ny Tompo Epafrodito miaraka amin'ny fifaliana rehetra. Hajao
ny olona tahaka azy. [30]Fa ho an'ny asan'i Kristy no nanakaikezany ny fahafatesana. Fa nanao vy verin'ny ainy izy
hanompoana ahy mba hanatanterahany izay tsy afaka nataonareo tamin'ny fanompoana tamiko.

3 [1]Farany, ry rahalahy, mifalia ao amin'ny Tompo. Tsy manahirana ahy ny mamerina manoratra ireny zavatra ireny ho
anareo. Ireny zavatra ireny dia hiaro anareo. [2]Mitandrema amin'ireo amboa. Mitandrema amin'ireo mpanao ratsy.
Mitandrema amin'ireo fanapahana rantsam-batana. [3]Fa isika no voafora. Ary Isika no manompo amin'ny
Fanahin'Andriamanitra. Ary isika no mirehareha ao amin'i Kristy Jesosy, ary tsy mitoky amin'ny nofo.
[4]Na izany aza, izaho tenako dia afaka mitoky amin'ny nofo. Raha misy olona mihevitra fa izy dia manana fahatokisana
amin'ny nofo, afaka manao mihoatra noho izany aho. [5]Noforaina tamin'ny andro fahavalo aho, teraka tao amin'ny
vahoakan'Isiraely, tao amin'ny fokon'ny Benjamina, Hebreo tao amin'ireo Hebreo aho; araky ny lalàna, dia Fariseo aho.
[6]Tamin'ny zotom-po, dia nanenjika ny fiangonana aho; Raha ny amin'ny fahamarinana ambanin'ny lalàna, dia tsy nanan-
tsiny aho. [7]Fa na inona na inona tombony ho ahy, dia noraisiko ho toy ny fatiantoka ireny nohon'ny amin'i Kristy.
[8]Raha ny tena izy, nisaiko ho faty antoka avokoa ireo zavatra rehetra nohon'ny halehiben'ny fahalalana an'i Kristy Jesosy
Tompoko. Noho Izy dia nariako ny zavatra rehetra. Heveriko ho fako ireny mba hahazoako an'i Kristy [9]ary ho hita ao
Aminy aho. Tsy manana ny fahamarinana ho an'ny tenako avy amin'ny lalàna aho. Fa kosa, manana ny fahamarinana
izay tamin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy aho, fahamarinana avy amin'ny Andriamanitra izay mifototra amin'ny
finoana. [10]Koa ankehitriny dia te hahafantatra Azy sy ny herin'ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiombonana
amin'ireo fijaliany aho. Te hiova amin'ny alalan'i Kristy aho mba hanahaka ny fahafatesany, [11]mba hahafahako
mahatsapa ny fitsanganana amin'ny maty.
[12]Tsy marina fa efa nandray ireo zavatra ireo sahady aho, na koa hoe tonga tanteraka aho. Fa miezaka aho mba
handrombahako ilay nandrombahan'i Kristy Jesosy ahy. [13]Ry rahalahy, tsy mieritreritra aho fa ny tenako dia efa
nandrombaka izany. Fa misy zavatra iray: Adinoiko izay any aoriana ary miezaka ho an'izay eo aloha aho. [14]Miezaka
manatratra ny tanjona aho mba hahazo ny lokan'ny antso avy any ambony avy amin'Andriamanitra ao amin'i Kristy
jesosy.
[15]Isika rehetra izay matotra, aoka isika hieritreritra tahaka izany; ary raha misy eritreritrareo hafa momba zavatra
rehetra, dia ho asehon'Andriamanitra aminareo ihany koa izany. [16]Kanefa, na inona na inona efa tratrantsika, aoka isika
hifikitra amin'izany.
[17]Aoka ho mpaka tahaka ahy, ianareo ry rahalahy. Diniho akaiky ireo izay mandeha araka ny ohatra izay hitanareo ao
aminay. [18]Maro ireo mandeha _ ireo izay efa nolazaiko anareo matetika, ary ankehitriny aho milaza aminareo amin-
dranomaso _ tahaka ny fahavalon'ny hazofijalian'i Kristy. [19]Fandringanana no fiafaran'izy ireo. Fa ny kibony no
andriamaniny, ary ny fireharehan'izy ireo dia ao amin'ny fahamenarany. Mieritreritra ny zavatr'izao tontolo izao izy ireo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Fa any an-danitra ny fanjakantsika, izay hiandrasantsika Mpamonjy ihany koa, dia ny Tompo Jesosy kristy. [21]Izy dia hanova ny vatanantsika izay malemy mba ho vatana manahaka ny vatany feno voninahitra, izay natao tamin'ny herin'ny fahefany mba hampanaiky ny zavatra rehetra amin'ny tenany.

4 [1]Noho izany, ry rahalahy malalako izay mahamanina ahy, fifaliako sy satro-boninahitro, amin'izany dia mijoroa tsara ao amin'ny Tompo, ry namako malala. [2]Miangavy an'i Eodia aho, ary miangavy an'i Syntyke, miraisa saina ao amin'ny Tompo. [3]Ary, mangataka aminao ihany koa aho, ry namako mpiray zioga: Ampio ireo vehivavy ireo. Satria izy ireo dia niara-niasa tamiko tamin'ny fampielezana ny Filazantsara niaraka tamin'i Klementa sy ireo sisa namana mpiara-miasa amiko rehetra, izay efa ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ny anaran'izy ireo.
[4]Mifalia hatrany ao amin'ny Tompo. Hoy ihany aho, mifalia. [5]Avelao ho fantatry ny olona rehetra ny fahatsoram-ponareo. Efa akaiky ny Tompo. [6]Aza manahy na amin'inona na amin'inona. Fa kosa, amin'ny zava-drehetra amin'ny alalan'ny vavaka sy fangatahana, miaraka amin'ny fisaorana, avelao ny fangatahinareo ho fantatr'Andriamanitra. [7]Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra ny fahalalàna rehetra, hiaro ny fonareo sy ny fisainanareo rehetra ao amin'i Kristy Jesosy.
[8]Ary farany, ry rahalahy, na inona na inona marina, na inona na inona manan-kaja, na inona na inona ara-drariny, na inona na inona madio, na inona na inona mahafinaritra, na inona na inona nolazaina fa tsara, raha misy na inona na inona tena tsara, raha misy na inona na inona tokony ho deraina, dia mihevera an'ireny zavatra ireny. [9]Ireo zavatra izay nianaranareo sy noraisinareo sy henonareo ary hitanareo tamiko, ataovy ireny zavatra ireny, ary ny Andriamanitry ny fiadanana hiaraka aminareo.
[10]Mifaly be ao amin'ny Tompo aho satria nohavaozinareo ihany ankehitriny ny fiheveranareo ahy. Efa nihevitra ahy tokoa ianareo teo aloha, fa tsy nisy fahafahana ho anareo mba hanampy. [11]Tsy milaza izany aho satria ao anatin'ny tsy fahampiana. Fa efa nianatra ny hifaly amin'izay toe-java-miseho rehetra aho. [12]Fantatro ny hoe mahantra ary fantatro koa ny hoe manam-be. Amin'ny fomba rehetra sy amin'ny zavatra rehetra dia nianatra ny tsiambaratelon'ny fihinanam-be sy ny hanoanana aho, ary ny hoe manam-be sy ny hoe ao anatin'ny tsy fahampiana. [13]Afaka manao ny zavatra rehetra aho amin'ny alalan'Ilay mampahery ahy.
[14]Kanefa, ianareo nanao ny tsara tamiko tamin'ny fahasahiranako. [15]Ary ianareo Filipiana mahafantatra fa tamin'ny fiandohan'ny filazantsara, rehefa nandao an'i Makedonia aho, dia tsy nisy fiangonana nanohana ahy raha ny mahakasika ny fanomezana sy fandraisana afa-tsy ianareo irery. [16]Na tamin'izaho tany Tesalonika aza, dia nandefa fanampiana ho an'izay nilaiko mihoatra ny indray mandeha ianareo. [17]Tsy hoe mitady fanomezana aho. Fa kosa, mitady ny vokatra izay mampiakatra ny voninahitrareo aho.
[18]Nandray ireo zavatra rehetra aho, ary manana be dia be. Fa feno aho. Voaraiko avy tamin'i Epafrodito ireo zavatra avy aminareo. Ireo dia hanitra manim-pofona, izay fanatitra azo ekena sy ankasitrahan'Andriamanitra. [19]Ary ny Andriamanitro hameno izay rehetra ilainareo araka ny haren'ny voninahiny ao amin'i Kristy Jesosy. [20]Ary ho an'Andriamanitra sady Raintsika anie ny voninahitra mandrakizay doria. Amena.
[21]Manaova veloma an'ny mpino rehetra ao amin'i Kristy Jesosy. Ireo rahalahy izay miaraka amiko dia manao veloma anareo. [22]Ireo mpino rehetra izay eto manao veloma anareo, indrindra ireo izay avy ao amin'ny ankohonan'i Kaisara. [23]Ny fahasoavan'ny Tompo Jesosy Kristy anie ho amin'ny fanahinareo. [1]

[1]Fanamarihana: Misy ireo fandikana sasany manampy hoe: "Amena."

Kolosiana

1 [1]Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy amin'ny alalan'ny sitrapon'Andriamanitra, ary i Timoty rahalahantsika, [2]ho an'ireo mpino sy ireo rahalahy mahatoky ao amin'ny Kristy izay any Kolosia. Ho aminareo anie ny fahasoavana, sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika.[1] [3]Manome fisaorana an'Andriamanitra isika, ilay Rain'ny Tompontsika Jesosy Kristy, ary mivavaka mandrakariva ho anareo izahay.
[4]Efa renay ny finoanareo an'i Kristy Jesosy ary ny fitiavana izay ananareo ho an'izay rehetra voatokana ho an'Andriamanitra. [5]Manana izany fitiavana izany ianareo noho ny fanantenana azo antoka natokana ho anareo any an-danitra. Henonareo ny momba io fanantenana azo antoka io talohan'ny teny amin'ny fahamarinana, ny filazantsara, [6]izay tonga aminareo. Ity filazantsara ity dia mitondra vokatra ary mitombo eran'izao tontolo izao. Izany dia efa nanao izany taminao ihany koananomboka tamin'ny andro nahenonao azy ary nianaranao ny momban'ny fahasoavan'Andriamanitra ao amin'ny marina.
[7]Ity ny filazantsara izay araka ny nianaranareo tamin'ny Epafra, ilay mpiara-manompo malalantsika, izay mpanompo mahatokin'i Kristy amin'ny anarantsika.[2] [8]Nampahalalan'ny Epafra anay ny fitiavanareo ny Fanahy.
[9]Noho io fitiavana io, hatramin'ny andro nahenonay izany dia tsy nitsahatra nivavaka ho anareo izahay. Nangataka izahay mba ho feno fahalalana ny sitrapony amin'ny fahendrena rehetra sy fahalalana ara-panahy ianareo. [10]Nivavaka izahay mba handehanareo am-pahamendrehana ao amin'ny Tompo amin'ireo fomba ankasitrahan'Andriamanitra. Nivavaka izahay mba hamokatra amin'ny asa soa rehetra ianareo ary mba hitombo fahalalana an'Andriamanitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Mivavaka izahay mba hahazo hery amin'ny fahaizana rehetra ianareo araka ny herin'ny voninahitra amin'ny fiaretana sy ny faharetana. [12]Mivavaka izahay mba hanome fisaorana an'ny Raintsika am-pifaliana ianareo, izay nahafahanareo hanana anjara amin'ny lovan'ireo mpino amin'ny fahazavana[3]
[13]Namonjy antsika tamin'ny fanapahan'ny haizina sy namindra antsika ho any amin'ny fanjakan'ny Zanany lahy malalany Izy. [14]Ao amin'ny Zanany lahy no ananantsika ny fanavotana, ny famelana ireo fahotana.[4]
[15]Ny Zanaka lahy dia endrik'ilay Andriamanitra tsy hita maso. Izy ilay teraka voalohany tamin'ny fahariana. [16]Fa tamin'ny alalany no nahariana ny zavatra rehetra, ireo izay any an-danitra sy ireo izay ety ambonin'ny tany, ireo zavatra hita maso sy ireo tsy hita. Na ireo seza fiandrianana, na ireo fanapahana, na ireo fitondram-panjakana, na ireo manam-pahefana, ireo zavatra rehetra dia nohariana tamin'ny alalany sy ho azy. [17]Izy no alohan'ny zavatra rehetra, ary ao aminy no haharetan'ny zavatra rehetra.
[18]Izy no lohan'ny vatana, sy ny fiangonana. Izy no fiandohana sy teraka voalohany avy eo anivon'ireo maty, ka izy no nanana toerana voalohany teo anivon'ireo zavatra rehetra. [19]Satria sitrak'Andriamanitra ny tokony ny hiainan'ny fahatsarany rehetra ao aminy, [20]ary mba hampihavana amin'ny alalan'ny Zanaka lahy amin'ny zava-drehetra amin'izy tenany. Andriamanitra dia nihavana tamin'ny alalan'ny ràn'ny hazo fijaliany. Andriamanitra no nampihavana ny zava-drehetra tamin'ny tenany, na ny zavatra rehetra eto ambonin'ny tany na ireo zavatra rehetra any an-danitra.
[21]Tamin'ny fotoana iray, ianareo ihany koa, dia vahiny tamin'Andriamanitra ary fahavalony tao an-tsainy sy tamin'ireo asa ratsy. [22]Fa ankehitriny izy no nampihavana anareo tamin'ny vatany manontolo tamin'ny alalan'ny fahafatesana. Nataony izany mba hanaovana anareo ho masina, tsy hanam-pondro eo anatrehany, ary nanala baraka azy noho ny fanaratsiana, [23]raha manohy amin'ny finoana ianareo, miorina sy mafy orina, dia aza mihataka amin'ny fanantenana mahatokin'ny filazantsara izay renareo. Ity no filazantsara izay nambara tamin'ny olona rehetra nohariana ambanin'ny lanitra. Ity no filazantsara izay, nahatonga ahy, Paoly, ho mpanompo.
[24]Ankehitriny aho dia faly amin'ny fijaliko ho anareo, ary izaho dia nameno ny nofoko izay tsy ampy amin'ireo fahorian'i Kristy noho ny vatany, dia ny fiangonana. [25]Noho ny fiangonana no nahampanompo ahy, araka ny andraikitra avy amin'Andriamanitra izay nomeny ahy ho anareo, mba hahatanteraka ny tenin'Andriamanitra. [26]Io no marina miafina izay nafenina nandritry ny taona maro sy ho an'ireo taranaka. Fa ankehitriny dia efa niseho izany tamin'ireo izay mino azy.
[27]Tamin'izy ireo no tian'Andriamanitra nampahafantarina ireo haren'ny voninahitr'ity fahamarinana miafina ity teo anivon'ny Jentilisa. Izany dia Kristy no ao aminao, ilay tokin'ny voninahitra ho avy.
[28]Dia izy ilay notorianay. Nananatra ny olona rehetra izahay, ary nampianatra ny olona rehetra tamin'ny fahendrena rehetra, mba hanolorantsika ny olona rehetra feno ao amin'i Kristy. [29]Noho izany dia miasa mafy aho sy miezaka araka ny tanjany izay miasa ato amiko amin'ny hery.

---

[1]Fanamarihana ambanin'ny pejy: misy dikan-teny sasany manampy hoe: "ary ny Tompo Jesosy Kristy".
[2]Fanamarihana ambanin'ny pejy: misy dikan-teny sasany mivaky hoe: "Amin'ny anaranareo"
[3]Fanamarihana ambany pejy: misy dikan-teny sasany mivaky hoe: "izay nahafahantsika nanana anjara".
[4]Fanamarihana ambanin'ny pejy: misy dikan-teny sasany mivaky hoe: "Ao amin'ny Zanany no ananantsika fanavotana amin'ny alalan'ny ràny, dia ny famelana ireo fahotana."

---

2 [1]Fa tiako ho fantatrareo ny halehiben'ny tolona nataoko ho anareo, ho an'ireo any Laodikia, sy ho an'ireo maro mbola tsy nahita ny tavako tamin'ny nofo. [2]Miasa aho mba hampahery ny fon'izy ireo amin'ny fampiraisana azy ireo miaraka ao amin'ny fitiavana sy ny harena rehetra amin'ny fahalalana azo antoka, ho amin'ny fahalalana ny fahamarinana miafin'Andriamanitra, izany hoe, i Kristy. [3]Ao aminy ny haren'ny fahendrena sy izay fahalalana rehetra no miafina.
[4]Milaza izany aho mba tsy hisy hitarika anareo amin'ny lahateny mandresy lahatra. [5]Na dia tsy miaraka aminareo ao amin'ny nofo aza aho, dia miaraka aminareo ao amin'ny fanahy. Faly aho mahita ny filaminanareo tsara sy ny tanjakin'ny finoanareo an'i Kristy.
[6]Raha nandray an'i Kristy Tompo ianareo, dia mandehana ao aminy. [7]Mifotora mafy aminy, miorena ao aminy, miorena amin'ny finoana izay efa nampianarina anareo, ary mazotoa manome fisaorana.
[8]Mitandrema mba tsy hamela olona hisambotra anareo amin'ny alalan'ny filozofia na ny fitaka foana araky ny fanaon'ny olona, izay manaraka ny endrik'izao tontolo izao, fa tsy araka an'i kristy. [9]Fa ao Aminy no mitoetra ny fahatsaran'ny tenan'Andriamanitra rehetra.
[10]Feno ianareo ao Aminy. Izy no lohan'ny hery sy ny fahefana rehetra. [11]Tao Aminy ihany koa ianareo no noforaina tamin'ny famorana izay tsy nataon'ny olombelona amin'ny fanesorana ny nofo amin'ny vatana, fa tamin'ny famoran'i Kristy. [12]Niara-nalevina taminy tamin'ny batisa ianareo, ary tao Aminy no nananganana anareo tamin'ny alalan'ny finoana maherin'Andiamanitra, izay nanangana azy tamin'ireo izay maty.
[13]Fony ianareo maty tamin'ireo fahotana sy ny tsy fahavitan'ny nofonareo famorana, izy no namelona anareo niaraka taminy sy namela antsika tamin'ireo fahotantsika rehetra.[1] [14]Nofafany ny rakitsoratrin'ny trosam-panafahana sy ireo fitsipika nifanohitra tamintsika. Nalany izany rehetra izany ary nofantsihiny teo amin'ny hazo fijaliana. [15]Nalany ireo hery sy ireo fahefana, ary Izy dia nanao fampisehoana ampahibemaso an'izy ireo, nandresy mihoatra an'izy ireo tamin'ny hazo fijaliana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[16]Koa, aza avela hisy hitsara anareo na amin'ny fihinana na amin'ny fisotroana, na amin'ny andro fety na amin'ny volana vaovao, na amin'ny andro Sabata. [17]Izany no alok'ireo zavatra ho avy, fa ny tena izy dia i Kristy.
[18]Aza avela hisy na iza na iza izay mila ny fanetren-tena sy ny fideran'ny anjely hitsara anareo ka tsy hahazoanareo ny lokanareo. Ny olona toy izany dia miditra amin'ny zavatra hitany ary manjary mieboebo amin'ny fisainan'ny nofony. [19]Tsy mihazona ny lohany izy. Izany dia avy amin'ny loha izay nomen'Andriamanitra ny vatana manontolo manerana ireo vanin-taolany sy ny hozany izay manome ka mihazona izany rehetra izany mitambatra; izany dia mitombo miaraka amin'ny fampitomboana nomen'Andriamanitra.
[20]Raha maty niaraka tamin'i Kristy ianareo tamin'ireo endrik'izao tontolo izao, nahoana ary ianareo no miaina toy ny voatery amin'ny tany: [21]"Aza mihodina, aza manandrana, ary aza mikasika"? [22]Izany zavatra rehetra izany dia ho an'ny fahalovana, araka ny torolalana sy ny fampianaran'olombelona. [23]Ireny fitsipika ireny dia manana fahendren'ny fomba fivavahana, ny fanetren-tena izay nataon'ny tenany manokana ary ny fampahoriana ny vatana. Fa izy ireo dia tsy manandanja amin'ny fanoherana ny fandeferana ny filan'ny nofo.

---

[1]Fanamarihana: misy dikan-teny taloha sasany mivaky hoe: "ary namela ny fahotantsika rehetra"

---

3 [1]Koa raha Andriamanitra no nanangana anareo niaraka tamin'i Kristy, katsaho ireo zavatra any ambony, izay ipetrahan'i Kristy eo an-tanan- kavanan'Andriamanitra. [2]Saino ireo zavatra any ambony, fa tsy ireo zavatra eto an-tany.
[3]Fa efa maty ianareo, ary ny fiainanareo dia miafina miaraka amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra. [4]Rehefa miseho i Kristy, izay fiainanareo, dia ianareo koa hiara-miseho aminy ao amim-boninahitra.[1]
[5]Vonoy, avy eo, ireo mpikambana izay eto an-tany- ny filan-dratsy, fahalotoana, firehetan'ny filana, faniriana ratsy, ary fahatendana, izay fanompoan-tsampy. [6]Noho ireny zavatra ireny no hahatongavan'ny fahatezeran'Andriamanitra amin'ireo zanaky ny tsy fankatoavana.[2] [7]Tao amin'ireny zavatra izay nandehananareo ireny taloha ihany koa rehefa mbola niaina tao amin'ireny ianareo. [8]Fa ankehitriny ianareo dia tsy maintsy manary ireny zavatra rehetra ireny - fahatezerana, fahavinirana, ireo fikasan-dratsy, ireo fanevatevana, ary teny fahavetavetana avy amin'ny vavanareo.
[9]Aza mifandainga, fa efa narianareo ny toetra taloha miaraka amin'ireo fampiharana izany, [10]ary notafinareo ny toetra vaovao izay nohavaozina ao amin'ny fahalalana araka ny endrik'izay namorona izany. [11]Ao amin'izany dia tsy misy Grika sy Jiosy, voafora sy tsy voafora, barbariana, Skytiana, andevo, olon'afaka, fa i Kristy no rehetra, ary ao amin'ny rehetra.
[12]Koa, mitafia, araka ny maha-olom-boafidin'Andriamanitra, masina ary malala, famindram-po, hatsaram-panahy, fanetren-tena, fahalemem-panahy, ary faharetana. [13]Mifampitondrà tsara. Mifamelà. Raha misy olona iray manana fitarainana momba ny olona hafa, mamelà toy izay namelan'ny Tompo anareo. [14]Ambonin'ireny zavatra rehetra reny, manàna fitiavana, izay mamatotra antsika amin'ny fahatanterahana.
[15]Aoka ny fiadanan'i Kristy hanapaka ao amin'ny fonareo. Fa ho an'izany fiadanana izany no niantsoana anareo ho vatana iray. Ary misaora. [16]Aoka ny tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo. Amin'ny fahendrena rehetra mifampianara ary mifananara amin'ireo salamo sy fihirana ary hira ara-panahy. Mihirà amin'ny fisaorana ao am-ponareo ho an'Andriamanitra. [17]Na inona na inona ataonareo, na amin'ny teny na amin'ny asa, ataovy amin'ny anaran'ny Tompo Jesosy ny rehetra. Manomeza fisaorana ho an'Andriamanitra ilay Ray amin'ny alalany.
[18]Ry vehivavy, maneke ny vadinareo, fa izany no mety ao amin'ny Tompo. [19]Ry lehilahy, tiavo ny vadinareo, ary aza masiaka amin'izy ireo. [20]Ry zanaka, mankatoava ny ray aman-dreninareo amin'ny zavatra rehetra, fa izany no ankasitrana ao amin'ny Tompo. [21]Ry ray, aza manao izay mampalahelo ireo zanakareo, mba tsy ho kivy izy ireo.
[22]Ry andevo, mankatoava ny tomponareo araka ny nofo amin'ireo zavatra rehetra, tsy amin'ny asa eo imaso toy ny olona mpila sitraka, fa amin'ny fo tsotra. Matahora ny Tompo. [23]Na inona na inona ataonareo, miasà avy amin'ny fanahinareo toy ny ho an'ny Tompo fa tsy ho an'ny olona. [24]Fantatrareo fa ianareo dia handray ny valisoan'ny lova avy amin'ny Tompo. Izy no Tompo Kristy izay tompoinareo. [25]Fa izay manao ny tsy fahamarinana dia handray ny sazy ho an'ny tsy fahamarinana izay nataony, ary tsy misy fizahan-tava.

---

[1]Fanamarihana eny ambanin'ny pejy: Ireo dikan-teny taloha sasany miteny hoe: "Rehefa miseho Kristy, izay fiainanareo, dia ianareo ihany koa dia hiara-miseho miaraka aminy am-boninahitra.
[2]Fanamarihana eny ambanin'ny pejy: Ny dikan-teny taloha sasany mivaky hoe: "Noho ireny zavatra ireny no mahatonga ny fahatezeran'Andriamanitra."

---

4 [1]Ry tompo, omeo ireo andevo izay marina sy rariny. Fantatrareo fa ianareo ihany koa manana tompo iray any an-danitra.
[2]Mahareta mandrakariva amin'ny fivavahana. Miambena amin'izany amin'ny fanomezana fisaorana. [3]Miaraha mivavaka ho anay ihany koa, mba hanokafan'Andriamanitra varavarana ho an'ny teny, mba hilazana ny fahamarinana miafin'i Kristy. Nohon'ny amin'izany, dia voafatotra aho. [4]Mivavaha mba ahafahako manazava izany, raha tokony hiteny aho.
[5]Mandehana amin'ny fahendrena any amin'ireo izay any ivelany, ary araraoty ny fotoana. Aoka ny teninareo hiaraka amin'ny fahasoavana hatrany. [6]Aoka ireo ho vonton-tsira, mba hahafahanareo mahalala ny fomba tokony hamalianareo ny olona tsirairay.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[7]Raha ireo zavatra momba ahy, dia i Tykyko no hampahafantatra ireny aminareo. Izy dia rahalahy malala, mpanompo mahatoky, ary mpiara-manompo ao amin'ny Tompo. [8]Nalefako any aminareo izy noho izao, mba ahafahanareo mahafantatra ny zavatra momba anay, ary mba ahafahany mampahery ny fonareo.[1] [9]Nalefako izy niaraka tamin'i Onesimosy, ilay rahalahy mahatoky sady malala, izay iray aminareo. Izy ireo no hilaza aminareo ny zava-drehetra izay efa nitranga taty.
[10]Aristarko, ilay miara-migadra amiko, dia miarahaba anareo, tahaka izany koa i Marka, havan'i Barnabasy (izay nahazoanareo baiko; raha mankany aminareo izy, dia raiso), [11]ary Jesosy ihany koa izay antsoina hoe Josto. Ireo avy amin'ny voafora ireo ihany no mpiara-miasa amiko ho an'ny fanjakan'Andriamanitra. Fampiononana ho ahy izy ireo.
[12]Epafra dia miarahaba anareo. Iray aminareo izy ary mpanompon'i Kristy Jesosy. Mitolona am-bavaka ho anareo foana izy, mba hahatanteraka anareo ary hahazo antoka tanteraka ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra rehetra. [13]Fa mijoro vavolombelona ho azy aho, fa miasa mafy ho anareo izy, sy ho an'ireo any Laodika, ary ho an'ireo izay any Hierapolia.
[14]Lioka ilay mpitsabo malala sy Demasy dia miarahaba anareo.
[15]Arahabao ireo rahalahy any Laodika, sy Nymfa, ary ny fiangonana izay ao an-tranony. [16]Rehefa voavaky eo anivonareo ity taratasy ity, dia ataovy vakiana ao amin'ny fiangonan'ny Laodikiana ihany koa, ary ataovy voavakinareo ihany koa ny taratasy avy any Laodika. [17]Lazao i Arikipo hoe: "Tandremo ny asa fanompoana izay noraisinao tao amin'ny Tompo, fa tokony ho tanterahinareo izany."
[18]Ity fanaovam-beloma ity dia ataon'ny tanako manokana -Paoly. Tsarovy ny fifatorako. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

---

[1]Fanamarihana eny ambanin'ny pejy: ireo dikan-teny sasany taloha mivaky hoe: "nalefako any aminareo izy noho izao, mba ahafahany mahafantantra ireo zavatra momba anareo, ary mba ahafahany mampahery ny fonareo".

---

1 Tesaloniana

1 [1]Paoly, Silasy, ary Timoty ho an'ny fiangonan'ireo Tesaloniana ao amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo. Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana.[1]
[2]Manome fisaorana an'Andriamanitra mandrakariva izahay ny aminareo rehetra, ka manonona anareo amin'ny vavakay.
[3]Izahay dia tsy mitsahatra ny mahatsiaro anareo eo anatrehan'Andriamanitra Raintsika ny asan'ny finoanareo, ny asan'ny fitiavanareo, ary fahatokisanareo maharitra ho an'ny ho avy ao amin'i Jesosy Kristy Tompontsika.
[4]Ry rahalahy tian'Andriamanitra, fantatray fa Izy dia efa nifidy anareo, [5]satria ny filazantsaranay dia tonga taminareo tsy tamin'ny teny ihany, fa tamin'ny hery ihany koa, tamin'ny Fanahy Masina, ary ny fahatokiana be. Mitovy amin'izany, ianareo ihany koa dia mahalala hoe olona toy ny ahoana izahay teo aminareo noho ny aminareo.
[6]Nanjary nanahaka anay sy ny Tompo ianareo, tamin'ny nandraisanareo ny teny tamin'ny ady sarotra lehibe sy tamin'ny fifaliana avy amin'ny Fanahy Masina. [7]Vokatr'izany, tonga ohatra ho an'ny rehetra izay mino ao Makedonia sy Akaia ianareo.
[8]Fa avy taminareo no nanenoan'ny tenin'ny Tompo, ary tsy tao Makedonia sy Akaia ihany. Fa kosa, teny amin'ny toerana rehetra no nielezan'ny finoanareo an'Andriamanitra. Vokatr'izany, dia tsy mila milaza na inona na inona isika. [9]Fa izy ireo ihany no hilaza izay fandraisana azonay teo aminareo. Izy ireo dia milaza ny fomba nitodihanareo tamin'Andriamanitra ka niala tamin'ireo sampy mba hanompo an'Andriamanitra velona sy marina. [10]Izy ireo dia nitatitra fa ianareo dia miandry ny Zanany avy any an-danitra, izay natsangany tamin'ireo maty. Jesosy izany, izay manafaka antsika amin'ny fahatezerana ho avy.

---

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taloha dia mivaky hoe: "Ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo."

---

2 [1]Fa ny tenanareo dia mahalala, ry rahalahy, fa ny fahatongavanay teto aminareo dia tsy foana. [2]Fantatrareo fa teo aloha dia nijaly ary nalaim-baraka tany Filipy izahay. Izahay dia sahy tao amin'Andriamanitray hilaza taminareo ny filazantsaran'Andriamanitra tao anatin'ny fanoherana lehibe.
[3]Satria ny fananaranay dia tsy avy tamin'ny fahadisoana, na avy tamin'ny fahalotoana, na avy tamin'ny fitaka. [4]Fa kosa, araka ny nankatoavan'Andriamanitra anay mba hatokisana amin'ny filazantsara, noho izany dia miteny izahay. Miteny izahay, tsy hampifaly ny olona, fa hampifaly an'Andriamanitra. Izy ilay mahalala ny fonay.
[5]Satria tsy dia nampiasa na oviana na oviana ireo teny fandokafana izahay, araka ny fantatrareo, na koa ho fialan-tsiny amin'ny fitsiriritana, satria Andriamanitra no vavolombelonay. [6]Na koa nitady ny voninahitra avy amin'ny olona izahay, na koa avy aminareo na avy amin'ireo hafa. Izahay dia afaka nitaky ireo tombotsoa tahaka ireo apostolin'i Kristy.
[7]Fa kosa, izahay dia tsotra teo aminareo toy ny reny mankahery ny zanany naterany.[1] [8]Dia toy izany no nanananay fitiavana ho anareo. Faly izahay mizara aminareo, tsy ny filazantsara an'Andriamanitra ihany, fa ny fiainanay manokana ihany koa. Satria ianareo dia lasa malalanay tokoa. [9]Satria tsaroanareo, ry rahalahy, ny asanay sy ny fisasaranay. Andro aman'alina no niasanay mba tsy ahafahanay mampitondra mavesatra ny iray aminareo. Nandritra izany fotoana izany, dia nitory ny filazantsaran'Andriamanitra taminareo izahay.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[10]Ianareo no vavolombelona, ary Andriamanitra ihany koa, fa masina, sy marina, ary tsy manan-tsiny ny fitondran-tenanay teo aminareo izay mino. [11]Toy izany ihany koa dia fantatrareo hoe toy ny ahoana no nataonay taminareo tsirairay toy ny ataon'ny ray amin'ny zanany naterany, [12]niangavy sy nankahery ary nandrisika anareo izahay mba handeha amin'ny fomba izay mendrika an'Andriamanitra, izay miantso anareo ho ao amin'ny fanjakany sy ny voninahiny manokana.
[13]Fa izany antony izany no isaoranay ihany koa an'Andriamanitra mandrakariva. Fa ianareo rehefa nandray avy taminay ny hafatr'Andriamanitra izay renareo, dia noraisinareo izany tsy ho toy ny tenin'olona. Fa kosa, noraisinareo izany araka izay marina, dia ny tenin'Andriamanitra. Izany teny izany ihany koa no miasa eo aminareo izay mino.
[14]Satria ianareo, ry rahalahy, dia lasa tahaka ireo fiangonan'Andriamanitra any Jodia izay amin'i Jesosy Kristy. Fa ianareo ihany koa dia nijaly tamin'ireo zavatra ireo ihany noho ny nataon'ireo mpiray tanindrazana aminareo, sahala ny nanjo azy ireo koa noho ny nataon'ny Jiosy taminy. [15]Ireo Jiosy no namono na an'i Jesosy Kristy na ireo mpaminany. Ireo Jiosy no nandroaka anay. Tsy nankasitraka an'Andriamanitra izy ireo. Fa kosa, izy ireo dia fahavalon'ny olona rehetra. [16]Izy ireo dia nandrara anay tsy hiteny amin'ireo Jentilisa mba tsy hamonjena azy ireny. Vokatr'izany dia mameno ny fahotan'ny tenany mandrakariva izy ireo. Ny fahatezerana dia tsy maintsy tonga eo amin'izy ireo amin'ny farany.
[17]Tafasaraka taminareo izahay, ry rahalahy, nandritry ny fotoana fohy, tamin'ny fanatrehana fa tsy tamin'ny fo. Tena nazoto fatratra izahay, naniry mafy, ny hahita ny tavanareo. [18]Satria naniry ny ho any aminareo izahay, izaho, Paoly, matetitetika, nefa nanakana anay i Satana. [19]Fa inona moa ny fanantenanay ny ho avy, na fifaliana, na satro-boninahitry ny fandresena eo anatrehan'i Jesosy Tompontsika amin'ny fihaviany? Moa tsy ianareo toy ireo sasany hafa koa ve? [20]Fa ianareo no voninahitray sy fifalianay.

---

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny hafa sasany dia mivaky toy izao: "Fa kosa, izahay dia toy ny zazakely teo aminareo, rehefa mankahery ny zanany naterany ny reniny."

---

3 [1]Noho izany, rehefa tsy afaka niaritra izany intsony izahay, dia noeritreretinay fa tsara ny mitoetra irery tao Atena.
[2]Nandefa an'i Timoty izahay, rahalahinay sy mpiara-miasa ho an'Andriamanitra ao amin'ny filazantsaran'i Kristy, mba hanamafy sy hankahery momban'ny finoanareo.[1] [3]Nataonay izany mba tsy hisy olona ho taitra noho ireo fahoriana ireo. Fa ny tenanareo dia mahafantatra fa izany no nanendrena antsika.
[4]Marina tokoa, rehefa niaraka taminareo izahay, dia nilaza mialoha taminareo fa isika dia tsy maintsy hampahoriana, ary nitranga izany, araka ny fantatrareo. [5]Noho izany antony izany, rehefa tsy naharitra izany intsony aho, dia naniraka mba ahafantarako ny finoanareo. Angamba ny mpaka fanahy dia efa naka fanahy anareo, ary ho zava-poana ny asantsika.
[6]Fa tonga taty aminay avy tany aminareo i Timoty ary nitondra ny vaovao mahafalin'ny finoana sy fitiavanareo ho anay. Nilaza taminay izy fa ianareo dia manana fahatsiarovana tsara anay foana, ary ianareo dia maniry mafy ny ahita anay tahaka ny fanirianay ahita anareo. [7]Noho izany, ry rahalahy, izahay dia namaherezinareo nohon'ny finoanareo, tao anatin'ny fitaintainana sy fahorianay rehetra.
[8]Fa ankehitriny velona izahay, raha mifikitra mafy amin'ny Tompo ianareo. [9]Fa fisaorana toy ny ahoana no azonay omena an'Andriamanitra ny aminareo, tamin'ny fifaliana rehetra izay anananay teo anatrehan'ny Andriamanitray noho ny aminareo? [10]Mivavaka mafy andro aman'alina izahay mba mety ahita ny endrikareo sy amatsy izay tsy ampy ao amin'ny finoanareo.
[11]Andriamanitra Raintsika tenany, ary Jesosy Tompontsika anie, hanitsy ny lalanay ho aminareo. [12]Ny Tompo anie hampitombo sy hampandroso amin'ny fifankatiavanareo amin'ny hafa sy ny olon-drehetra, tahaka ny ataonay aminareo koa. [13]Izy anie hanamafy ny fonareo, ka mba tsy hanan-tsiny amin'ny fahamasinana izy ireo eo anatrehan'Andriamanitra Raintsika, amin'ny fihavian'i Jesosy Tompontsika mbamin'ireo masiny rehetra.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany hafa taloha dia mivaky hoe: "Nandefa an'i Timoty izahay, rahalahinay ary mpanompon'Andriamanitra aoamin'ny filazantsaran'i Kristy."

---

4 [1]Ary farany, ry rahalahy, mampahery sy mananatra anareo izahay ao amin'ny Tompo Jesosy. Raha nahazo ireo fampianarana avy aminay ianareo momban'ny fomba tsy maintsy handehananareo sy hamalifalinareo an'Andriamanitra, ny amin'io lalana andehanana io ihany koa, dia mba anaovanareo mihoatra izany. [2]Fa ianareo dia mahafantatra ireo fampianarana izay nomenay anareo tamin'ny alalan'i Jesosy Tompo.
[3]Fa izao no sitrapon'Andriamanitra, dia ny hanamasinana anareo, mba hialanareo amin'ny fijangajangana, [4]izay ahafantaran'ny tsirairay avy aminareo ny fomba ahazoana ny fanaky ny tenany ao amin'ny fahamasinana sy voninahitra, [5]tsy amin'ny filan-dratsy (tahaka ireo Jentilisa izay tsy mahafantatra an'Andriamanitra). [6]Aoka tsy hisy olona handika na hanaratsy ny rahalahiny amin'izany. Fa ny Tompo no mamaly amin'ireny zava-drehetra ireny, tahaka ny nampitandremanay mialoha sy nijoronay vavolombelona taminareo.
[7]Fa Andriamanitra tsy niantso anay ho amin'ny fahalotoana, fa amin'ny fahamasinana. [8]Noho izany, izy izay mandà izany dia tsy mandà olona, fa Andriamanitra, izay nanome ny Fanahiny Masina ho anareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Momban'ny fifankatiavan'ny mpirahalahy, tsy mila olona hafa ianareo hanoratra ho anareo, fa ianareo tenanareo dia nampianarin'Andriamanitra mba hifankatia. [10]Ataonareo tokoa izany, ho an'ireo rahalahy rehetra izay eran'i Makedonia. Fa izahay dia mananatra anareo, ry rahalahy, mba hanao mihoatra. [11]Mananatra anareo ihany koa izahay mba hanandrana hiaina am-pilaminana, hisaina ny raharahanareo manokana, ary hiasa amin'ny tananareo, araka ny nandidianay anareo, [12]mba hanananareo fitondran-tena mendrika eo anatrehan'ireo tsy mino ary tsy hanan-java-mahory.
[13]Fa tsy tianay tsy ho fantatrareo, ry rahalahy, ny momba ireo izay nodimandry, mba tsy halahelovanareo tahaka ireo ambiny izay tsy manana antoka ny amin'ny ho avy. [14]Fa raha mino isika fa Jesosy dia maty ary nitsangana indray, dia toy izany koa no hitondran'Andriamanitra miaraka amin'i Jesosy ireo izay efa nodimandry tao aminy. [15]Fa izao no lazainay aminareo tamin'ny tenin'ny Tompo, fa isika izay velona, izay sisa tavela amin'ny fahatongavan'ny Tompo, dia tsy hialoha tokoa ireo izay nodimandry.
[16]Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra. Ho avy miaraka amin'ny feo avo Izy, miaraka amin'ny feon'ny Arkanjely, ary miaraka amin'ny trompetran'Andriamanitra, ary ny maty ao amin'i Kristy no hitsangana voalohany. [17]Avy eo isika izay velona, izay sisa tavela, hiaraka hiakatra amin'izy ireo eny amin'ny rahona ka hihaona amin'ny Tompo eny amin'ny habakabaka. Amin'izany dia hiaraka amin'ny Tompo mandrakariva isika. [18]Noho izany, mifankahereza amin'ireo teny ireo.

5 [1]Ankehitriny mikasika ireo fotoana sy ireo vanim-potoana, ry rahalahy, tsy mila na inona na inona voasoratra ho anareo ianareo. [2]Fa ianareo tenanareo mahafantatra tsara fa ny andron'ny Tompo dia ho avy tahaka ny mpangalatra amin'ny alina. [3]Rehefa miteny izy ireo, "Miadana sy milamina," dia fahapotehana tampoka no ho avy amin'izy ireo. Ho tahaka ny fahararian'ny vehivavy bevohoka rehefa miteraka izany. Tsy ho afa-mandositra mihitsy izy ireo.
[4]Fa ianareo, ry rahalahy, dia tsy ao anatin'ny haizina ka hahatratra anareo tampoka tahaka ny mpangalatra ny andro. [5]Fa ianareo rehetra dia zanaky ny mazava sy zanaky ny andro. Tsy zanaky ny alina isika na ny haizina. [6]Noho izany, ndeha isika tsy hatory tahaka ny fataon'ny ambiny. Fa kosa, aoka isika hiambina sy hahonon-tena. [7]Fa ireo izay matory dia manao izany amin'ny alina, ary ireo izay mamo dia manao izany ihany koa amin'ny alina.
[8]Fa raha mbola an'ny andro isika, dia tsy maintsy mahonon-tena isika ary mitafy finoana sy fitiavana ho fiarovan-tratra, ary ny antoky ny famonjena amin'ny ho avy ho fiarovan-dohantsika. [9]Fa Andriamanitra tsy nanendry antsika ho amin'ny fahatezerana, fa hahazoana ny famonjena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika. [10]Izy ilay maty ho antsika, na mifoha isika na matory, dia afaka miara-miaina aminy. [11]Ka noho izany mifampionona ary mifampahereza ianareo, tahaka ny efa nataonareo.
[12]Mangataka aminareo izahay, ry rahalahy, mba hanekenareo izay mikely aina aminareo sy mitondra anareo amin'ny Tompo ary izay mananatra anareo. [13]Mangataka anareo ihany koa izahay mba hanaja azy ireo am-pitiavana noho ny asan'izy ireo. Mihavàna amin'ny tenanareo. [14]Mananatra anareo izahay, ry rahalahy: mampitandrema ny fikorontanana, hampaherezo ireo kivy, ampio ireo malemy, mahareta amin'ny rehetra.
[15]Indro tsy misy olona mamaly ratsy ny ratsy na amin'iza na iza. Fa kosa, mitadiava izay tsara ho an'ny tsirairay sy ho an'ny rehetra. [16]Mifalia mandrakariva. [17]Aza mitsahatra mivavaka. [18]Misaora amin'ny zavatra rehetra. Fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy ho anareo.
[19]Aza mamono ny Fanahy. [20]Aza manao tsinontsinona ireo faminaniana. [21]Andramo ny zava-drehetra. Mifikira amin'izay tsara. [22]Esory ireo fisehoan'ny ratsy rehetra.
[23]Andriamanitry ny fiadanana anie hampamasina anao tanteraka. Aoka ny fanahinareo manontolo, ny aina, ary ny vatana dia hotehirizina tsy hanan-tsiny ho amin'ny fahatongavan'i Jesosy Kristy Tompontsika. [24]Mahatoky izy ilay miantso anao, ilay iray izay hanao izany ihany koa.
[25]Ry rahalahy, mivavaha ihany koa ho anay. [26]Arahabao amin'ny fanorohana masina ny rahalahy rehetra. [27]Mangataka aminareo amin'ny Tompo aho mba ho vakiana amin'ny rahalahy rehetra ity taratasy ity. [28]Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika.

2 Tesaloniana

1 [1]Paoly, sy Silasy, ary Timoty, ho any amin'ny fiangonan'ireo Tesaloniana ao amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. [2]Ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.
[3]Izahay dia tokony hanome fisaorana an'Andriamanitra ho anareo foana, ry rahalahy. Fa izany no tsara atao, satria tena mitombo fatratra ny finoanareo, ary ny fitiavanareo tsirairay dia mitombo ho an'ny hafa. [4]Noho izany dia izahay tenanay dia miteny am-pireharehana momba anareo eo amin'ireo fiangonan'Andriamanitra. Izahay dia miresaka ny momban'ny faharetanareo ary ny finoanareo tamin'ny izay rehetra nanenjehana anareo. Miresaka momban'ireo fahoriana izay niaretanareo. [5]Izany dia famantarana ny fitsarana marin'Andriamanitra. Ny vokany dia horaisina ho mendrika ny fanjakan'Andriamanitra izay nijalianareo ianareo.
[6]Marina amin'Andriamanitra ny hamaly fahoriana ireo izay nampahory anareo, [7]ary hanome fitsaharana ho anareo izay nampahoriana niaraka taminay. Ho ataony izany amin'ny fisehoan'i Jesosy Tompo avy any an-danitra miaraka amin'ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

anjelin'ny heriny. [8]Ao amin'ny afo miredareda no hanaovany ny valifaty amin'ireo izay tsy mahalala an'Andriamanitra sy amin'ireo izay tsy mamaly ny filazantsaran'i Jesosy Tompontsika.
[9]Izy ireo dia hijaly amin'ny famaizan'ny fandringanana mandrakizay lavitry ny fanatrehan'ny Tompo sy ny voninahitry ny heriny. [10]Hanao izany izy rehefa tonga amin'izany andro izany mba hanomezan'ny olony voninahitra azy sy higagan'ireo rehetra izay nino. Fa ny fijoroanay vavolombelona aminareo dia ninoana.
[11]Noho izany dia mivavaka mandrakariva ho anareo ihany koa izahay. Mivavaka izahay mba ho mendrika ny ho raisin'ny Andriamanitsika amin'ny fiantsoana ianareo. Mivavaka izahay mba ho tanterahiny amin'ny hery ny fanirianareo ny fahatsarana sy ny asan'ny finoana rehetra. [12]Mivavaka ho an'ireo zavatra ireo izahay mba omenareo voninahitra ny anaran'i Jesosy Tompontsika. Mivavaka izahay mba hanomezany voninahitra anareo, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitsika sy Jesosy Kristy Tompo.

2 [1]Ankehitriny ny momban'ny fiavian'i Jesosy Kristy Tompontsika sy ny nanangonana antsika iaraka aminy: manontany anareo izahay, ry rahalahy, [2]mba tsy ho mora helingelenina na hihorohoro ianareo, na amin'ny fanahy, na amin'ny hafatra, na amin'ny taratasy izay toy ny hoe ho avy aminay, noho ny vokatry ny fahatongavan'izany andron'ny Tompo izany.
[3]Aza avela hisy olona hamitaka anareo na amin'ny fomba ahoana. Fa tsy ho tonga izany raha tsy aorian'ny fahatongavan'ny fianjerana, ary ny lehilahy mpandika lalàna dia aseho, ny zanaky ny fahasimbana.[1] [4]Izy ilay manohitra sy manandratra ny tenany amin'izay rehetra antsoina hoe Andriamanitra na izay ivavahana. Vokatr'izany, dia nipetraka tao amin'ny Tempolin'Andriamanitra izy ary mampiseho ny tenany ho toy ny Andriamanitra.
[5]Tsy tadidinareo ve fa fony izaho niaraka taminareo dia efa niteny ireo zavatra ireo? [6]Ankehitriny fantatrareo inona no mitana azy, mba hisehoany amin'ny fotoana mety irery ihany. [7]Fa ny zava-miafin'ny fandikan-dalàna dia efa miasa, misy olona iray ihany misakana azy ankehitriny mandra-panalana azy teo amin'ny lalana.
[8]Avy eo ilay tena mpandika lalàna dia ho aseho, izay hovonoin'i Jesosy Tompo amin'ny fofonain'ny vavany. Ny Tompo dia hitondra azy amin'ny tsy misy dikany amin'ny alalan'ny fisehoan'ny fiaviany. [9]Ny fiavin'ilay tena mpandika lalàna dia noho ny asan'ny Satana miaraka amin'ny hery rehetra, ireo famantarana, ary ireo fahagagana tsy marina, [10]ary miaraka amin'ny fitaka rehetra ny amin'ny tsy fahamarinana. Ireo zavatra ireo dia ho an'ireo izay very, satria izy ireo dia tsy nandray ny fitiavan'ny fahamarinana mba ahavoavonjy azy ireo.
[11]Noho izany antony izany dia mandefa asan'ny fahadisoana Andriamanitra mba hinoan'izy ireo lainga. [12]Vokatr'izany dia hotsaraina daholo izy rehetra, ireo izay tsy mino ny fahamarinana fa kosa maka fahafinaretana amin'ny tsy fahamarinana.
[13]Fa izahay dia tokony manome fisaorana an'Andriamanitra foana ho anareo, ry rahalahy notiavin'ny Tompo. Fa Andriamanitra no nifidy anareo toy ireo voaloham-bokatra ho an'ny famonjena amin'ny fanamasinana ny Fanahy sy ny finoana ny fahamarinana. [2] [14]Izany no niantsoany anareo tamin'ny alalan'ny filazantsaranay mba ahazoanareo ny voninahitr'i Jesosy Kristy Tompontsika. [15]Ka noho izany, ry rahalahy, mijoroa mafy. Tazomy ireo fahamarinana izay nampianarina anareo. Na tamin'ny teny na tamin'ny taratasinay.
[16]Ankehitriny aoka i Jesosy Kristy Tompontsika tenany, ary Andriamanitra Raintsika izay tiantsika sy nanome antsika fankaherezana mandrakizay sy ny fahatokisana tsara ho an'ny ho avy amin'ny alalan'ny fahasoavana, [17]hankahery ary hametraka ny fonareo amin'ny asa tsara rehetra sy ny teny.

---

[1]Fanamarihana: ny dikan-teny taloha sasany dia mivaky hoe: "ary ny lehilahy mpanota dia aseho".
[2]Fanamarihana: ny dikan-teny hafa dia mivaky toy izao: "Fa Andriamanitra dia nifidy anareo hatramin'ny voalohany ho an'ny famonjena.

---

3 [1]Ankehitriny, ry rahalahy, mivavaha ho anay, mba ho deraina sy homem-boninahitra ny tenin'ny Tompo, dia tahakan'izany ihany koa ny aminareo. [2]Mivavaha mba ho afaka amin'ireo ratsy fanahy sy olon-dratsy izahay, fa tsy ny rehetra no manam-pinoana. [3]Fa ny Tompo dia mahatoky, izay manamafy orina sy miambina anareo amin'ilay ratsy.
[4]Manana fahatokiana amin'ny Tompo momba anareo izahay, mba sady hanaovanareo no hanohizanareo ireo zavatra izay nandidiana anay ianareo. [5]Ny Tompo anie hitarika ny fonareo ho amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fiaretan'i Kristy.
[6]Ankehitriny mandidy anareo izahay, ry rahalahy, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompontsika, mba hiala amin'ireo rahalahy rehetra izay miaina ao anatin'ny hakamoana sy tsy araka ireo fomban-drazana izay noraisinareo taminay. [7]Fa ianareo tenanareo dia mahafantatra fa mety aminareo ny maka tahaka anay. Tsy niaina teo anivonareo tahaka ireo izay tsy nanana fitsipika izahay. [8]Tsy nihinana sakafon'olona tsy naloa vola izahay. Fa kosa, niasa andro aman'alina tamin'ny asa sarotra sy ny zava-tsarotra izahay, mba tsy ho enta-mavesatra ho an'ny tsirairay aminareo. [9]Tsy hoe nohon'ny tsy fananana fahefana no nanaovanay izany. Fa kosa, nanao izany izahay mba ho fitaratra ho anareo, ka mba hanahaka anay ianareo.
[10]Rehefa niaraka taminareo izahay, dia nandidy anareo hoe: "Raha misy iray tsy te hiasa, dia tsy tokony hihinana izy." [11]Fa mandre izahay fa miraviravy tanana ny sasany aminareo. Tsy miasa izy ireo fa mpitsabaka. [12]Ankehitriny ireo olona

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tahaka izany dia didinay sy hanarinay amin'i Jesosy Kristy Tompo, mba hiasa am-pahanginana sy hihinana ny sakafon'izy ireo manokana.
[13]Fa ianareo, ry rahalahy, aza mamoy fo amin'ny fanaovana izay marina. [14]Raha misy tsy mankatoa ny tenintsika amin'ity taratasy ity, mariho eo imason'ny olona izy ary aza manana fifandraisana aminy, ka mety ho menatra izy. [15]Aza raisina ho fahavalo izy, fa hanaro ho toy ny rahalahy.
[16]Fa ilay Tompon'ny fiadanana anie hanome fiadanana anareo amin'ireo fotoana sy amin'ireo fomba rehetra. Ho aminareo rehetra anie ny Tompo. [17]Ity no fanaovako veloma, izaho Paoly, tamin'ny tanako, izay famantarana amin'ny taratasy rehetra. Izao no soratro. [18]Ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika anie ho aminareo rehetra.

1 Timoty

1 [1]Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy araka ny didin'Andriamanitra mpamonjy antsika sy i Kristy Jesosy tokintsika, [2]ho an'i Timoty, zanaka lahy marina ao amin'ny finoana: Fahasoavana, famindram-po, ary fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy i Kristy Jesosy Tompontsika.
[3]Araka ny nangatahiko mafy ho ataonao rehefa niala tao Makedonia aho, mitoera ao Efesosy mba hahafahanao mibaiko ireo olona sasany tsy hampianatra foto-pampianarana hafa [4]Tsy tokony hitandrina ireo tantara sy tetiarana tsy misy fiafarany izy ireo. Ireo dia niteraka adihevitra fa tsy manampy ny drafitr'Andriamanitra, izay amin'ny alalan'ny finoana.
[5]Ary ny tanjon'ny didy dia fitiavana avy amin'ny fo madio, avy amin'ny feon'ny fieritreretana tsara, ary avy amin'ny finoana tsy mihatsaravelatsihy. [6]Ny olona sasany dia tsy nahatratra ny tanjona ary niala tamin'ireo zavatra ireo ho any amin'ny lahateny adaladala. [7]Izy ireo dia te ho mpampiana-dalàna, kanefa izy ireo tsy mahazo izay lazainy sy hizingizinin'izy ireo. [8]Fa isika dia mahafantatra fa ny lalàna dia tsara raha misy iray mampiasa azy amin'ny ara-dalàna.
[9]Isika dia mahafantatra izany, fa ny lalàna dia tsy natao ho an'ny olo-marina, fa ho an'ny mpandika lalàna sy olona mpikomy, ho an'ireo ratsy fanahy sy mpanota, ary ho an'ireo andriamani-diso sy tsy masina. Izany dia natao ho an'ireo izay mamono ny ray sy reniny, ho an'ireo mpamono olona, [10]ho an'ireo ratsy fitondran-tena ara-nofo, ho an'ireo sodomita, ho an'ireo mpaka an-keriny olona mba ho andevozina, ho an'ireo mpandainga, ho an'ireo vavolombelona tsy marina, ary na inona na inona hafa manohitra ny fampianarana mahatoky. [11]Io fampianarana io dia mifanaraka amin'ny filazantsaran'ny voninahitr'ilay Andriamanitra voatahy izay nankinina tamiko.
[12]Isaorako i Kristy Jesosy Tompontsika. Nampahery ahy Izy, fa nataony mahatoky aho, ary nanendry ahy ho amin'ny fanompoana Izy. [13]Izaho dia mpiteny ratsy, mpanenjika, ary lehilahy mahery setra. Kanefa nahazo famindram-po aho satria tamin'ny tsy fahalalana no nanaovako izany noho ny tsy finoana. [14]Fa ny fahasoavan'ny Tompontsika no nandrakotra tamin'ny finoana sy fitiavana izay ao amin'i Kristy Jesosy.
[15]Izao hafatra izao dia azo antoka sy mendrika ny fanekena rehetra, fa i Kristy Jesosy dia tonga teto an-tany hamonjy ireo mpanota. Izaho no ratsy indrindra tamin'ireo. [16]Fa noho izany antony izany no namindrana fo tamiko, mba amin'ny alalako, ny lehibe indrindra, i Kristy Jesosy dia mety hampiseho ny faharetana rehetra. Nanao izany Izy ho ohatra ho an'ireo izay maniry hatoky Azy ho an'ny fiainana mandrakizay. [17]Ary ho an'ny mpanjakan'ny taona, tsy mety maty, tsy hita maso, ny Andriamanitra tokana, anie ny laza sy voninahitra mandrakizay doria. Amena.
[18]Izao didy izao no omeko anao, Timoty, zanako, araka ireo faminaniana natao momba anao tany aloha, fa ianao dia mety hiady ny ady tsara, [19]ny fiazonana ny finoana sy ny feon'ny fieritreretana tsara. Tamin'ny fandavana izany, misy ny nanao sambo vaky ny finoany. [20]Tahaka an'i Hymeneo sy Aleksandro, izay natolotro ho an'i Satana mba ampianarana azy ireo tsy hiteny ratsy.

2 [1]Voalohany indindra noho izany, dia mampirisika aho fa ireo fangatahana, vavaka, fifonana, ary fisaorana dia natao ho an'ny olona rehetra, [2]ho an'ireo mpanjaka sy ireo rehetra eo amin'ny fahefana, mba ahafahantsika miaina am-piadanana sy miaina milamina amin'ny toe-panahy araka an'Andriamanitra sy fahamendrehana rehetra. [3]Izany dia tsara sy azo ekena eo anatrehan'Andriamanitra mpamonjintsika. [4]Iriany mba hovonjena daholo ny olona rehetra ary ho tonga amin'ny fahalalana ny marina.
[5]Fa iray ihany no Andriamanitra, ary iray ihany no mpanelanelana an'Andriamanitra sy ny olona, dia ilay lehilahy Kristy Jesosy. [6]Izy nanome ny tenany ho vidim-panavotana ho an'ny rehetra, tahaka ny fijoroana vavolombelona amin'ny fotoana tokony ho izy. [7]Fa amin'izany tanjona izany, izaho, ny tenako, dia natao ho mpitory sy ho apostoly. Miteny ny marina aho. Tsy mandainga aho. Mpampianatra an'ireo Jentilisa amin'ny finoana sy fahamarinana aho.
[8]Noho izany, tiako ny lehilahy na aiza na aiza mba hivavaka sy hanandra-tanana masina tsy am-pahatezerana na amin'ny fifandirana. [9]Toa izany koa, tiako ny vehivavy mba hiakanjo akanjo mendrika ny tenany, amin'ny fahamaotinana sy fahafehezan-tena. Tsy tokony hanao volo mirandrana, na volamena, na voahangy, na akanjo lafo vidy. [10]Tiako izy ireo hiakanjo amin'izay mety ho an'ireo vehivavy izay mampiseho toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny alalan'ireo asa tsara.
[11]Ny vehivavy dia tokony hianatra am-pahanginana ary hanaiky tanteraka. [12]Tsy avelako hampianatra ny vehivavy na hampihatra fahefana amin'ny lehilahy, fa hijanona ao anaty fahanginana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[13]Fa Adama no noforonina voalohany, avy eo i Eva. [14]Adama dia tsy voafitaka, fa ny vehivavy no voafitaka tanteraka tamin'ny fandikan-dalàna. [15]Na izany aza, hovonjena izy amin'ny alalan'ny fiterahan-jaza, raha mitohy amin'ny finoana sy fitiavana ary fahamasinana miaraka amin'ny fahononan-tena.

3 [1]Matokia izao teny izao: Raha misy olona iray maniry ny ho mpiandraikitra, dia maniry asa tsara izy. [2]Noho izany dia ny mpiandraikitra dia tsy maintsy tsy manan-tsiny. Tsy maintsy manambady vehivavy tokana izy. Izy dia tokony hahay handajalanja, hendry, tia filaminana, tia mandray olona. Tsy maintsy mahay mampianatra izy. [3]Tsy tokony za-dratsy amin'ny divay izy, tsy mpila ady, fa kosa, malemy fanahy, feno fiadanam-po. Izy dia tsy tokony ho tia vola.
[4]Tokony hitantana tsara ny tokantranony izy, ary ireo zanany dia tokony hanaiky azy am-panajana tanteraka. [5]Fa raha tsy mahay mitantana ny tokantranony izy, ahoana no hikarakarany ny fiangonan'Andriamanitra?
[6]Tsy tokony ho olona vao niova fo izy, mba tsy hieboeboany ka ho lavo amin'ny fanamelohana tahaka ny devoly. [7]Izy ihany koa dia tsy maintsy tsara laza amin'ireo olona eny ivelany, mba tsy ho lavo anaty fahafaham-baraka sy ny fandriky ny devoly.
[8]Ireo Diakona, toy izany ihany koa, dia tokony ho mendrika. Izy ireo dia tsy tokony hisotro divay be loatra na tsy mahalala onona ara-tsakafo. [9]Tokony hitazona ny fahamarinan'ny finoana nambara miaraka amin'ny feon'ny fieritreretana madio.
[10]Izy ireo ihany koa dia tokony ho sedraina mialoha, avy eo dia tokony hanompo satria tsy manan-tsiny izy ireo.
[11]Ireo vehivavy ihany koa dia tokony ho mendrika tahaka izany. Tsy tokony ho mpanendrikendrika izy ireo. Tokony hahay handanjalanja ary mahatoky amin'ny zavatra rehetra. [12]Ireo Diakona dia tokony hanambady vehivavy tokana. Tsy maintsy mitantana tsara ireo zanany sy ny tokantranony izy ireo. [13]Fa ireo izay nanompo tsara dia handray ny laza tsara sy fahatokisana lehibe amin'ny finoana ho an'ny tenan'izy ireo izay ao amin'i Jesosy Kristy.
[14]Manoratra ireto zavatra ireto aminao aho, ary manantena ny ho avy tsy ho ela any aminao aho. [15]Fa raha tara aho, dia manoratra mba hahafantaranareo ny fitondran-tena ao amin'ny tokantranon'Andriamanitra, izay fiangonan'Andriamanitra velona, ilay vato fehizoro sy fiorenan'ny fahamarinana.
[16]Tsy azo lavina fa ny fahamarinana nambara izay araka an'Andriamanitra dia lehibe: "Izy dia niseho tamin'ny nofo, nohamarinin'ny Fanahy, hitan'ny anjely, nambara teo anivon'ireo firenena, ninoan'izao tontolo izao, ary nasandratra tamim-boninahitra."

4 [1]Ankehitriny miteny mazava tsara ny Fanahy fa amin'ny fotoana any aoriana any dia hiala amin'ny finoana ny olona sasany ary mitandrema tsara ny amin'ireo fanahy mpamitaka sy ireo fampianaran'ireo demonia [2]amin'ny fihatsarambelatsihin'ny mpandainga. Fa voamarika amin'ny vy mamay ny feon'ny fieritreretan'izy ireo.
[3]Ho raràn'izy ireo ny manambady sy ny mandray ireo sakafo izay noforonin'Andriamanitra ho zaraina miaraka amin'ny fisaorana eo amin'ireo izay mino sy izay mahafantatra ny marina. [4]Fa ny zavatra rehetra izay noforonin'Andriamanitra dia tsara. Tsisy holavina ny zavatra noraisintsika tamim-pisaorana. [5]Fa nohamasinina tamin'ny tenin'Andriamanitra sy ny vavaka izany.
[6]Raha apetrakareo eo anoloan'ireo rahalahy ireo zavatra ireo, dia ho mpanompo tsaran'i Jesosy Kristy ianareo. Fa notaizana tamin'ireo tenin'ny finoana sy tamin'ny fampianarana tsara izay narahinareo ianareo. [7]Fa lavo ny angano tantarain'ny vavy antitra. Fa kosa, tariho hanome voninahitra an'Andriamanitra ny tenanareo. [8]Fa ny vatana hofanina dia kely ihany no azo ampiasana azy, nefa fampiasa amin'ny zavatra rehetra ny toetra araka an'Andriamanitra. Mihazona ny fampanantenana amin'ity fiainana ankehitriny ity sy ny fiainan-ko avy.
[9]Ity hafatra ity dia mendri-pitokisana sy mendrika ny fahafenoan'ny fanekena. [10]Fa noho izany dia hitolona sy hiasa mafy isika. Fa mahatoky ao amin'Andriamanitra velona isika, izay Mpamonjy ny olona rehetra, indrindra ireo izay mino.
[11]Ambarao sy ampianaro ireo zavatra ireo. [12]Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona ny fahatanoranao. Fa kosa, aoka ho ohatra ho an'ireo izay mino, amin'ny fiteny, fitondran-tena, fitiavana, finoana, ary fahadiovana. [13]Mandra-pihaviko, tohizo ny famakiana, ny fananarana, sy ny fampianarana.
[14]Aza atao tsinontsinona ny fanomezam-pahasoavana izay ao aminao, izay nomena anao tamin'ny alalan'ny faminaniana, niaraka tamin'ny fametrahan-tanan'ireo loholona. [15]Tandrovy ireny zavatra ireny. Meteza ho ao amin'izy ireo, mba hiharihary amin'ny olona rehetra ny fandrosoanao. [16]Tandremo tsara ny tenanao sy ny fampianarana. Tohizo ireny zavatra ireny. Fa raha manao toy izany, dia ho vonjenao ny tenanao sy ireo izay mihaino anao.

5 [1]Aza mibedy ny lahy antitra. Fa kosa, anaro toy ny ray izy. Anaro toy ny rahalahy ireo lehilahy tanora. [2]Anaro tahaka ny reny ireo vavy antitra, ary ireo vehivahy tanora toy ny anabavy ao amin'ny fahadiovana rehetra.
[3]Manajà ireo mpitondratena, ireo tena mpitondratena. [4]Fa raha manan-janaka na zafikely ny mpitondratena iray, dia avelao izy ireo aloha hianatra haneho fanajana ao amin'ny tokantranony. Aoka izy ireo hamaly babena ireo ray aman-dreniny, satria ankasitrahan'Andriamanitra izany.
[5]Fa ny tena mpitondratena dia navela ho irery. Mametraka ny fitokiany amin'Andriamanitra izy. Mitoetra hatrany amin'ireo fangatahana sy vavaka andro aman'alina. [6]Na izany aza, ny vehivavy izay miaina ho an'ny fahafinaretana dia maty, na dia mbola velona aza izy.

[7]Torio izany zavatra izany mba tsy ananan'izy ireo tsiny. [8]Fa raha misy olona tsy manome ho an'ireo havany akaiky, indrindra ho an'ireo izay ao amin'ny ankohonany, dia nandà ny finoana izy ary ratsy lavitra noho ny tsy mpino.
[9]Aoka hosoratana ho mpitondratena ny vehivavy izay tsy latsaky ny enimpolo taona, vehivavy iray izay vadin'ny lehilahy iray. [10]Tokony ho fantatra noho ireo asa tsara izy, na nikarakara ireo ankizy, na ihany koa nampiantrano ireo mpivahiny, na nanasa ny tongotr'ireo mpino, na nanamaivana ny ory, na nanolo-tena tamin'ny asa tsara rehetra.
[11]Fa ho an'ireo mpitondratena mbola tanora kosa, dia aza manaiky ny hanoratra azy ireo ao anaty lisitra. Fa rehefa milavo-lefona amin'ny filan'ny nofo hanohitra an'i Kristy izy ireo, dia te-hanambady. [12]Amin'izany izy ireo dia hahazo fanamelohana satria namadika ny fanoloran-tenany voalohany. [13]Ka dia lasa zatra malaina koa izy ireo. Mandehandeha mitety trano. Tsy hoe lasa malaina fotsiny ihany izy ireo, fa lasa mpifosa sy mpila ady ihany koa. Miteny zavatra izay tsy tokony ho teneniny izy ireo.
[14]Noho izany dia tiako hanambady ireo vehivavy mbola tanora, hiteraka, hikarakara tokantrano, mba tsy ahafahany manome irika ny fahavalo hiampanga anay ho nanao ratsy. [15]Fa ny sasany efa nivily sahady hanaraka an'i Satana. [16]Raha misy vehivavy mino manana mpitondratena, aoka izy hanampy azy ireo, mba tsy hanavesatra ny fiangonana, mba hahafahany manampy ireo tena mpitondratena marina.
[17]Aoka ireo loholona izay manapaka tsara mba ho raisina ho mendri-boninahitra avo roa heny, indrindra ireo izay miasa miaraka amin'ny teny sy amin'ny fampianarana. [18]Fa hoy ny Soratra Masina hoe: "Tsy tokony hanisy fehiny ny vavan'ny ny omby ianao raha mbola mively voa izy." ary koa: "Ny mpiasa dia mendrika ny karamany."
[19]Aza mandray fiampangana manohitra ny loholona iray raha tsy misy vavolombelona roa na telo. [20]Ahitsio eo anatrehan'ny rehetra ireo mpanota mba hatahotra ny ambiny hafa.
[21]Mandidy anao mafy aho eo anatrehan'Andriamanitra sy eo anatrehan'i Kristy Jesosy ary ireo anjely voafidy, mba hihazonanao ireo didy ireo tsy misy fitsaratsarana ary mba tsy hanaovanao na inona na inona amin'ny fiandaniana. [22]Aza maimaika mametra-tanana amin'iza na iza. Aza miray ao amin'ny fahotan'ny olon-kafa. Tokony hitazona ny tenanao hadio ianao.
[23]Tokony tsy hisotro rano intsony ianao. Fa kosa, tokony handray divay kely ianao ho an'ny vavony sy ireo aretinao mateti-pitranga. [24]Ny fahotan'ireo olona sasany dia fantatra miharihary, ary izy ireo dia mandeha alohan'ireo ao amin'ny fitsarana. Fa ny ota sasany manaraka avy aty aoriana. [25]Toy izany ihany koa, misy asa tsara fantatra miharihary, saingy ireo sasany aza dia tsy azo afenina.

6 [1]Aoka ireo rehetra izay ao ambanin'ny zioga toy ireo andevo mba hanao ny tompony ho mendrika ny haja rehetra. Izy ireo dia tokony hanao izany mba tsy hitenenana ratsy ny anaran'Andriamanitra sy ny fampianarana. [2]Ireo andevo izay manana tompo mino dia tsy tokony hanao tsinontsinona azy ireo satria mpirahalahy aminy. Fa kosa, izy ireo dia tokony hanompo ireo hatrany hatrany. Fa ireo tompo izay nampiana tamin'ny asan'izy ireo dia mpino sady tiavina. Ampianaro ary ambarao ireo zavatra ireo.
[3]Hevero fa ny olona dia mampianatra amin'ny fomba hafa ary tsy manaiky ny fanoroantsika ara-pinoana, izay, tenin'i Jesosy Kristy Tompontsika. Hevero fa izy ireo dia tsy manaiky ny fampianarana izay mitondra any amin'ny toetra araka an'Andriamanitra. [4]Izany olona izany dia mirehareha ary tsy mahalala na inona na inona. Fa kosa, izy dia adalan'ireo adihevitra sy ireo fandresen-dahatra momba ireo teny. Ireny teny ireny dia miteraka fialonana, fanevatevana, ahiahy ratsy, [5]ary ny fifandonana eo amin'ireo olona maloto fisainana. Miala amin'ny marina izy ireo. Mihevitra izy fa ny toetra araka an'Andriamanitra no fomba ahatongavana ho mpanan-karena.[1]
[6]Ary ny toetra araka an'Andriamanitra miaraka amin'ny fahafaham-po dia tombony lehibe. [7]Satria isika dia tsy nitondra na inona na inona amin'izao tontolo izao. Tsy hahavita hitondra na inona na inona isika. [8]Fa kosa, aoka isika ho afa-po amin'ny hanina sy ny fitafiana.
[9]Ary ireo izay te ho lasa mpanan-karena dia latsaka ao anatin'ny fakam-panahy, ao anatin'ny fandrika. Latsaka tao anatin'ny hadalana sy ireo filàna mampidi-doza maro izy ireo, ary ihany koa ireo hafa mandetika ireo olona ao amin'ny faharavana sy ny fandriganana. [10]Satria fototr'ireo karazan-dratsy rehetra ny fitiavam-bola. Ny olona sasany izay maniry izany dia efa voavily niala tamin'ny finoana ary nanindrona ny tenan'izy ireo tamin'ny fahoriana lehibe.
[11]Fa ianao, ry lehilahin'Andriamanitra, mandosira ireo zavatra ireo. Miezaha mitady ny fahamarinana, ny toetra araka an'Andriamanitra, ny fahatokisana, ny fitiavana, ny faharetana ary ny hatsaram-panahy. [12]Miadia ny ady tsaran'ny finoana. Hazony ny fiainana mandrakizay fa ho amin'izany no niantsoana anao. Izany dia momba ny nijoronao vavolombelona ny amin'izay inoanao teo anatrehan'ireo vavolombelona maro tamin'izay tsara.
[13]Izaho dia manome anao izany didy izany eto anoloan'Andriamanitra, izay nahatonga ny zavatra rehetra ho velona, ary eo anatrehan'i Kristy Jesosy, izay nilaza ny marina teo anatrehan'i Pontio Pilato: [14]Tehirizo tsara ny didy, tsy manan-tsiny, mandra-pisehon'ny Tompontsika Jesosy Kristy.
[15]Andriamanitra dia maneho ny fisehoany amin'ny fotoana tokony ho izy_ Andriamanitra, ilay iray izay notahiana, ilay hery tokana, ilay Mpanjaka izay manjaka, ary ilay Tompo izay manapaka. [16]Izy irery ihany no manana ny tsy fahafatesana ary mitoetra eo amin'ny hazavana tsy azo hanatonana. Tsy misy olombelona mahita azy na afaka mijery Azy. Ho azy anie ny voninahitra sy ny hery mandrakizay. Amena.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Lazao ny mpanan-karena amin'izao tontolo izao mba tsy hirehareha, sy manantena ny harena, izay tsy azo antoka. Fa kosa, tokony hanantena an'Andriamanitra izy ireo. Manome antsika ny harena marina rehetra Izy mba hifaliantsika.
[18]Lazao izy ireo mba hanao ny tsara, mba hanan-karena amin'ny asa tsara, mba alala-tanana, ary vonona hizara.
[19]Amin'izany fomba izany, dia ho tehirizin'izy ireo ny fototra tsara ho an'ny tenany amin'izay ho avy, ka hihazonany ny tena fiainana.
[20]Ry Timoty, arovy izay natolotra anao. Hialao ny resaka adala sy ny fandresen-dahatra mifanohitra momba ny fiantsoana diso ny amin'izay atao hoe fahalalana. [21]Ny olona sasany dia manambara izany zavatra izany ka dia tsy nahatsiaro ny finoany izy ireo. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

[1]Fanamarihana: Ny fandikana taloha sasany dia manampy hoe: "Miala amin'ny zavatra toy izany". Fa ny fandikana taloha tsara indrindra dia tsy manampy izany.

2 Timoty

1 [1]Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy tamin'ny alalan'ny sitrapon'Andriamanitra, araka ny fampanantenan'ny fiainana izay ao amin'i Kristy Jesosy, [2]an'i Timoty, zanaka tiana: Fahasoavana, fiantrana, ary fiadanana avy amin'Andriamanitra ilay Ray sy Kristy Jesosy Tompontsika.
[3]Misaotra an'Andriamanitra aho, izay tompoiko avy amin'ireo razambeko, miaraka amin'ny feon'ny fieritreretana madio, tahaka ny hahatsiarovako anao mandrakariva amin'ny fivavahako andro aman'alina. [4]Tahaka ny hahatsiarovako ireo ranomasonao, maniry mafy ny hahita anao aho, ka mety ho feno hafaliana aho. [5]Nampahatsiahivina tamiko ny finoanao marina, izay niaina voalohany tao amin'ny renibenao Loisa sy ny reninao Eonisa, ary resy lahatra aho izao fa miaina ao aminao ihany koa izany.
[6]Izany no antony ampahatsiahivako anao mba hampiasanao indray ny fanomezan'Andriamanitra ao aminao amin'ny alalan'ny fametrahako tanana. [7]Fa Andriamanitra tsy nanome fanahin'ny tahotra antsika, fa ny hery sy fitiavana ary fifehezan-tena.
[8]Ka aza menatra amin'ny fijoroana vavolombelona momban'ny Tompontsika, na amiko, Paoly, ilay gadrany. Fa kosa, mizarà amin'ny fahoriana ny filazantsara araka ny herin'Andriamanitra. [9]Fa Andriamanitra no namonjy antsika sy niantso antsika tamin'ny antso masina. Nanao izany Izy, tsy noho ireo asantsika, fa nohon'ny drafitra izay efa nataony sy ny fahasoavany. Na dia mbola tsy niandoha aza ny fotoana dia efa nanome antsika ireny zavatra ireny tao amin'i Kristy Jesosy Izy. [10]Fa ankehitriny ny famonjen'Andriamanitra dia nambara tamin'ny alalan'ny fisehoan'i Kristy Jesosy Mpanavotra antsika. Kristy izay nanafoana ny fahafatesana ary nitondra fiainana izay tsy ho tapitra mandrakizay mba hanazava amin'ny alalan'ny filazantsara. [11]Noho izany, dia voatondro ho mpitory teny aho, ho apostoly, ary ho mpampianatra.[1]
[12]Fa noho izany antony izany dia mijaly amin'ireny zavatra ireny ihany koa aho. Fa tsy menatra aho, satria fantatro Izy ilay ninoako. Resy lahatra aho fa afaka mitazona izay efa nankiniko taminy Izy mandra-pahatongan'izany andro izany.
[13]Tazomy ny ohatra momba ireo hafatry ny finoana izay henonareo tamiko, miaraka amin'ny finoana sy fitiavana izay ao amin'i Kristy Jesosy. [14]Ny zavatra tsara izay nataon'Andriamanitra taminao, ambeno amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izany, izay miaina ao amintsika
[15]Fantatrareo izany, fa izay rehetra nipetraka tany Azia dia nivadika tamiko. Ao amin'io fikambanana io ireo Fizelio sy ireo Hermozena. [16]Enga anie ny Tompo hanome famindram-po amin'ny tokantranon'i Onesiforo, satria namelombelona ahy matetika izy ary tsy menatra tamin'ny gadrako. [17]Fa kosa, rehefa tany Roma izy, dia nitady ahy fatratra, ka hitany aho.
[18]Ny Tompo anie hampiseho azy ka hahitany famindram-po avy aminy amin'izany andro izany. Ireo fomba rehetra nanampiany ahy tao Efesosy, dia fantatrareo tsara.

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny taloha sasany dia manampy hoe: "Ho an'ny Jentilisa."

2 [1]Noho izany ianao, ry zanako, mahereza ao amin'ny fahasoavana izay ao amin'i Jesosy Kristy. [2]Ireo zavatra renonareo avy amiko teo anatrehan'ny vavolombelona maro, dia hankino amin'ny olona mahatoky izay afaka hampianatra ny sasany koa.
[3]Mihareta zava-tsarotra miaraka amiko, toy ny miaramila tsaran'i Jesosy Kristy. [4]Tsy misy miaramila manompo raha mbola voafandrik'ireo rahaharan'izao fiainana izao, mba hafahany mampifaly ny lehibeny. [5]Ary, raha misy olona mifaninana toy ny atleta, dia tsy mandray ny satro-boninahitra izy raha tsy mifaninana amin'ny alalan'ireo fitsipika.
[6]Ilaina ny fandraisan'ilay mpamboly izay miasa mafy ny anjara vokatra voalohany. [7]Saino ny moba izay lazaiko, fa ny Tompo no hanome anareo ny fahatakarana amin'ny zavatra rehetra.
[8]Tsarovy Jesosy Kristy, avy amin'ny taranak'i Davida, izay natsangana tamin'ireo maty. Izany dia araky ny hafatry ny filazantsarako, [9]izay mampijaly ahy ny amin'ny famatorana toy ny mpamono olona. Fa ny tenin'Andriamanitra dia tsy voafatotra. [10]Noho izany hiaretako ny zavatra rehetra ho an'ireo voafidy, mba ho afaka handray ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy ihany koa izy ireo, miaraka amin'ny voninahitra mandrakizay.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Ity teny ity dia mendri-pitokisana: "Raha maty niaraka taminy isika, dia ho velona hiaraka aminy ihany koa. [12]Raha miaritra isika, dia hanjaka hiaraka aminy ihany koa. Raha mandà Azy isika, dia handà antsika ihany koa Izy. [13]Raha tsy mahatoky isika, dia hahatoky foana Izy, satria tsy afaka mandà ny tenany Izy."
[14]Ampahatsiahivo azy ireo hatrany ireo zavatra ireo. Ampitandremo eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo mba tsy hifamaly momba ireo teny. Noho io dia tsy misy zavatra ilaina. Noho io dia misy fahasimbana ho an'ireo izay mihaino.
[1] [15]Omeo ny tsara avy aminao mba hanoloranao tena ho an'Andriamanitra tahaka ilay ankatoavina, mpiasa izay tsy manana antony hahamenarana, izay mampianatra ny tenin'ny fahamarinana amin'ny tokony ho izy.
[16]Hialao ny teny fanevatevana, izay mitondra tsikelikely any amin'ny faharatsim-panahy. [17]Ny resak'izy ireo dia hiely toy ny fery mandoaka. Eo anivon'ireo Hymeneo sy Fileto. [18]Izy ireo no lehilahy tsy mba nahalala ny marina. Miteny izy ireo fa ny fitsanganana amin'ny maty dia efa nitranga. Simbain'izy ireo ny finoan'ny sasany.
[19]Na dia izany aza, ny fototra mafy orin'Andriamanitra dia mijoro. Manana ity soratra ity: "Ny Tompo dia mahafantatra ireo izay azy" ary "Izay rehetra manonona ny anaran'ny Tompo dia tsy maintsy miala amin'ny tsy fahamarinana." [20]Ao amin'ny tranon'ny mpanan-karena, dia tsy ireo fitoeran'ny volamena sy volafotsy ihany no ao. Misy ihany koa ireo fitoeran'ny hazo sy tanimanga. Ny sasany amin'izy ireo dia ho ampiasaina amim-boninahitra, ary ny sasany ho amin'ny fanalam-baraka. [21]Raha misy olona manadio ny tenany ho afaka amin'ny fahafaham-baraka, dia fitoerana manan-kaja izy. Izy dia voatokana, ilain'ny Tompony, ary voaomana amin'ny asa tsara rehetra.
[22]Mandosira an'ireo filàn'ny tanora. Mikatsaha fahamarinana, finoana, fitiavana, ary fihavanana miaraka amin'ireo izay miantso ny Tompo amin'ny fo madio. [23]Saingy mandàva ireo fanontaniana adala sy tsy misy fotony. Fantatrareo fa miteraka ady ireo.
[24]Ny mpanompon'ny Tompo dia tsy tokony mifanditra. Fa kosa tsy maintsy malemy fanahy amin'ny rehetra izy, mahay mampianatra, ary maharitra. [25]Tsy maintsy ao amin'ny fahalemem-panahy no ampianarany ireo izay manohitra azy. Fa angamba Andriamanitra mety hanome azy ireo fibebahana ho an'ny fahalalana ny marina. [26]Mety hody indray ny fisainan'izy ireo ary handao ny fandriky ny devoly, rehefa avy nosamboriny tamin'ny sitrapony.

---

[1]Fanamarihana: ny dikan-teny sasany dia mivaky hoe: "Ampitandremo eo anatrehan'Andriamanitra izy ireo

---

3 [1]Fa fantaro izao: amin'ireo andro farany dia hisy ireo fotoan-tsarotra. [2]Satria ny olona ho tia tena, tia vola, ho mpirehareha, ho mpandoka tena, ho mpanevateva an'Andriamanitra, tsy manoa ray aman-dreny, tsy misaotra, ary tsy masina. [3]Tsy hanam-pitiavana ny fianakaviany izy ireo, mpanohitohitra, ho mpanendrikendrika, tsy hahafehy tena, hahery setra, tsy ho tia ny tsara. [4]Ho mpamadika izy ireo, tsy misy eritreritra, mpanambony tena, tia fahafinaretana mihoatra noho ireo tia an'Andriamanitra.
[5]Hanana ny toetra toy ny an'Andriamanitra izy ireo, kanefa dia handà ny heriny. Mialà amin'ireny olona ireny. [6]Satria ny sasany tamin'ireo dia ireo lehilahy izay miditra ao an-tokantrano ary mambabo ireo vehivavy adala. Ireo no vehivavy izay tsy afaka amin'ny fahotana sy voatarika amin'ireo filàna samihafa. [7]Ireo vehivavy ireo dia mianatra foana, kanefa tsy ho tonga amin'ny fahafantarana ny fahamarinana mihitsy.
[8]Tahaka izany ihany koa i Jana sy i Jambra nitsangana nanohitra an'i Mosesy. Tamin'izany dia nitsangana ihany koa ireo mpampianatra sandoka ireo hanohitra ny marina. Izy ireo dia lehilahy simba fisainana, tsy nankasitrahana tamin'ny finoana. [9]Fa tsy handroso lavitra izy ireo. Satria ny hadalany dia ho hita mazava amin'ny olona rehetra, tahaka ny an'ireo lehilahy ireo.
[10]Fa raha ianareo kosa, dia efa nanaraka ny fampianarako, ny fitondrana, ny fikasana, ny finoana, ny faharetam-po, ny fitiavana, ny faharetana, [11]ireo fanenjehana, ireo fijaliana, ary izay nitranga tamiko tany Antiokia, tany Ikonioma ary tany Lystra. Niharitra ireo fanenjehana aho. Avy amin'ireo rehetra ireo, dia namonjy ahy ny Tompo. [12]Izay rehetra te-hiaina araka ny fomban'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy dia ho enjehina. [13]Ireo olon-dratsy sy ireo mpisandoka dia ho any amin'ny ratsy kokoa hatrany. Izy ireo dia hitarika ireo olon-kafa ho any amin'ny lalan-diso. Ary izy ireo tenany dia ho voatarika amin'izany.
[14]Fa raha ianareo kosa, mitoera ao amin'ireo zavatra izay efa nianaranareo sy izay efa ninoanareo mafy hoe avy amin'iza no efa nianaranareo. [15]Fantatrareo fa hatramin'ny fahazazana dia efa nahalala ireo asa soratra masina ianareo. Ireny dia hahavita hampahendry anareo ho amin'ny famonjena amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy Kristy.
[16]Ny Soratra Masina rehetra dia avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. Izany dia tombony ho an'ny fotom-pampianarana, ho an'ny fanondroana ireo diso, ho an'ny fanitsiana, ary ho an'ny fampiofanana amin'ny fahamarinana.
[17]Izany dia mba hahatonga ny lehilahin'Andriamanitra hahay tsara, sy ho voaomana tanteraka amin'ny asa tsara rehetra.

4 [1]Izaho dia manome ity didy hentitra ity eo anatrehan'Andriamanitra sy Jesosy Kristy, izay hitsara ny velona sy ny maty, ary noho ny fisehoany sy ny fanjakany: [2]Mitoria ny Teny. Mivononà na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana. Mananàra, mitenena mafy, mampirisiha, amim-paharetana sy ny fampianarana rehetra.
[3]Satria ho avy ny fotoana izay tsy hazakan'ny olona ny feon'ny fampianarana. Fa kosa, izy ireo dia hisafidy mpampianatra ho azy araka ireo faniriany manokana. Ireo dia hanitikitika ny sofin'izy ireo. [4]Hanala ny fihainoan'izy ireo amin'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fahamarinana ireo, ary hivily ho any amin'ireo angano. [5]Kanefa ianareo, eritrereto tsara ny zava-drehetra. Hiareto ny zava-tsarotra; ataovy ny asan'ny evanjelista; tanteraho ny fanompoanareo.
[6]Satria efa ho atolotra sahady aho. Efa tonga ny fotoana hialako. [7]Izaho dia efa nahavita ny ady tsara; efa nahavita ny hazakazaka aho; efa notazomiko ny finoana. [8]Ny satro-boninahitry ny fahamarinana dia efa voatokana ho ahy, izay homen'ny Tompo, ilay mpitsara marina, ho ahy amin'izany andro izany, ary tsy ho ahy irery ihany, fa ihany koa ho an'ireo rehetra izay efa nitia ny fisehoany.
[9]Omeo izay tsara rehetra avy aminao mba hankanesana aty amiko haingana. [10]Satria i Demasy efa nandao ahy. Tiany izao tontolo izao ary efa nandeha tany Tesalonika izy. Kreska dia nankany Galatia, ary Titosy nankany Dalmatia.
[11]Lioka irery ihany no miaraka amiko. Alaivo i Marka ary ento izy miaraka aminao satria ilaiko amin'ny asa izy. [12]Tykiko dia nalefako tany Efesosy. [13]Ilay lamba izay navelako tao Troasy miaraka amin'ny Karpo, ento iny rehefa tonga ianao, ary ireo boky, indrindra ireo mifono hoditra.
[14]Aleksandro ilay mpanefy varahina dia nampiharihary asa ratsy maro tamiko. Ny Tompo dia hamaly azy araka ireo asany. [15]Ianao ihany koa dia tokony hitandrina ny tenanao aminy, satria izy dia manohitra mafy ireo teninay. [16]Tamin'ny fiarovan-tenako voalohany, tsy nisy nanohana ahy. Nefa kosa, ny olona rehetra nandao ahy. Aoka mba tsy ho voaheloka amin'izany izy ireo.
[17]Fa ny Tompo dia nitsangana teo anilako ary nankahery ahy mba, amin'ny alalako, ny fanambarana dia afaka tanterahina tanteraka, ary mba afaka haheno ireo Jentilisa rehetra. Izaho dia avotra tamin'ny vavan'ny liona. [18]Ny Tompo dia hanavotra ahy amin'ny asa ratsy rehetra ary hamonjy ahy amin'ny fanjakany any an-danitra. Ho azy anie ny voninahitra mandrakizay doria. Amena.
[19]Ataovy veloma i Prisila, i Akoila, ary ireo ankohonan'i Onesiforosy. [20]Erasto dia nitoetra tao Korinto, fa i Trofimo dia nilaozako fa narary ao Mileto. [21]Omeo izay tsara indrindra avy aminao mba ahatongavana alohan'ny ririnina. Manao veloma anao i Eolobolo, ary Poda ihany koa, Lino, Klaodio, ary ireo rahalahy rehetra. [22]Hiaraka amin'ny fanahinao anie ny Tompo. Ho aminareo anie ny fahasoavana.

Titosy

1 [1]Paoly, mpanompon'Andriamanitra ary Apostolin'i Jesosy Kristy, hanamafy ny finoan'ny olom-boafidin'Andriamanitra sy ny fahalalana ny marina izay manaraka ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, [2]amin'ny fahatokisana ny fiainana mandrakizay, izay nampanantenain'Andriamanitra, ilay tsy mandainga, fony fahagola. [3]Tamin'ny fotoana voatondro, dia nasehony ny teniny tamin'ny hafatra izay natokisany ho ampitaiko. Nataoko izany araka ny didin'Andriamanitra ilay Mpamonjy antsika.
[4]Ho an'i Titosy, zanaka marina ao amin'ny finoana hiombonantsika. Fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra ilay Ray sy Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. [5]Noho izao antony izao no namelako anao tany Kreta, dia ny mba handaminanao ireo zavatra mbola tsy vita sy hanendry loholona isaky ny tanàna araka izay efa nandidiako anao.
[6]Ny loholona dia tsy tokony hanan-tsiny mihintsy, vadin'ny vehivavy iray, manana zanaka mino tsy voampanga ho manara-po amin'ny ratsy na maditra. [7]Ilain'ny mpitandrina, amin'ny maha-mpanao ny asan'Andriamanitra, ny tsy fananan-tsiny. Tsy tokony hahery fiteny na mirehareha. Tsy tokony ho mora tezitra, tsy mpimamo, tsy lian'ady, ary tsy olona tia vola.
[8]Fa kosa, tokony hampiantrano izy, sakaizan'izay tsara. Tsy maintsy mahonon-tena, marina, masina, ary mahafehy tena.
[9]Tokony mitana mafy ny hafatra izay efa nampianarina izy, mba afahany mampahery ireo hafa amin'ny fampianarana tsara ary hanitsy ireo izay manohitra azy.
[10]Fa maro ny olona mpikomy, indrindra ireo izay voafora. Tsy misy lanjany ny tenin'izy ireo. Mandiso fanantenana sy mitarika ny olona any amin'ny lalan-diso izy ireo. [11]Ilaina ny manakana azy ireny. Mampianatra ny tsy tokony hampianarina izy ireo mba ahazoana harena maloto ary mandrava ny fianakaviana manontolo.
[12]Nisy iray tamin'izy ireo, izay lehilahy hendrin'izy ireo, nilaza hoe: "Ny Kretana dia mpandainga mandrakariva, ratsy ary biby mandoza, kamo be tenda." [13]Marina izany voalaza izany, noho izany anaro mafy izy ireo mba hatanjaka amin'ny finoana.
[14]Aza miraharaha ireo anganon'ny Jiosy na ireo didin'ny olona izay niala tamin'ny fahamarinana.
[15]Ho an'ireo izay madio, dia madio ny zavatra rehetra. Fa ho an'ireo izay voaloto sy tsy mino kosa, dia tsy misy madio na inona na inona. Noho ny saina sy ny fieritretretany efa voaloto. [16]Manaiky fa mahalala an'Andriamanitra izy ireo, kanefa mandà Azy amin'ireo asany. Mpankahala sy mpandika lalàna izy ireo. Tsy mahavita asa tsara na inona na inona.

2 [1]Fa ianao kosa, milazà izay mifanaraka amin'ny fampianarana marina. [2]Ireo lehilahy efa nahazo taona dia tsy maintsy mahay mitondra tena, maotina, mahonon-tena, matanjaka amin'ny finoana, amin'ny fitiavana, ary amin'ny faharetana.
[3]Toy izany koa ireo vehivavy efa nahazo taona dia tokony hampiseho hatrany ny tenan'izy ireo ho tsara fitondran-tena, fa tsy mpifosa. Tsy tokony ho andevozin'ny divay be izy ireo. Tokony hampianatra izay tsara izy ireo [4]mba hampiofanana ireo vehivavy tanora ho tena tia ny vady aman-janany manokana. [5]Tokony hampianatra azy ireo hahonon-tena, hadio, hikarakara tokantrano tsara, ary hankatoa ny vadiny izy ireo. Tokony hanao izany zavatra rehetra izany izy ireo mba tsy ho voaheso ny Tenin'Andriamanitra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[6]Tahaka izany, ampaherezo ireo lehilahy mbola tanora mba hahonon-tena. [7]Amin'ny fomba rehetra dia asehoy ny tenanao ho modelin'ireo asa tsara; ary rehefa mampianatra ianao, dia manehoa fahitsiana sy fahamendrehana. [8]Milazà hafatra salama sy tsy misy tsiny, mba ho menatra izay manohitra na iza na iza, satria tsy manana na inona na inona ratsy ho lazaina momba antsika izy.
[9]Ireo mpanompo dia tokony hankatoa ny tompony amin'ny zava-drehetra. Hanao izay sitrapony fa tsy hifamaly aminy.
[10]Tsy tokony hanganlangalatra izy ireo. Fa kosa, tokony haneho ny finoana tsara rehetra izy ireo, mba hampahamendrika ny fampianarantsika momba an'Andriamanitra mpamonjy antsika amin'ny lafiny rehetra.
[11]Fa efa niseho tamin'ny olon-drehetra ny fahasoavan'Andriamanitra. [12]Mampianatra antsika handà ny toetra tsy araka an'Andriamanitra sy ny filàn'izao tontolo izao izany. Mampianatra antsika hiaina am-pihononana, am-pahamarinana, ary araka ny lalan'Andriamanitra amin'izao vanim-potoana izao izany [13]eo am-piandrasantsika fatratra izay handraisantsika ny fanantenana mahafinaritra, ny fisehoan'ny voninahitry ny Andriamanintsika lehibe sy Mpamonjy Jesosy Kristy.
[14]Jesosy dia nanolotra ny tenany ho antsika mba hanavotra antsika hiala amin'ny tsy fanarahan-dalàna rehetra sy hanadiovana, ho an'ny tenany, olona iray manokana izay tena mazoto hanao asa tsara.
[15]Ambarao ary ento ampaherezina ireo zavatra ireo. Manomeza fanitsiana amin'ny fahefana rehetra. Aza avela hisy olona hanao tsinontsinona anao.

3 [1]Ampaherezo izy ireo hanaiky ireo mpanapaka sy ireo manam-pahefana, hankatoa azy ireo, ho vonona amin'ny asa tsara rehetra. [2]Ampatsiahivo izy ireo tsy haneso na iza na iza, hiala amin'ny adihevitra, hamela ny hafa hanaraka ny lalany, ary hampiseho fanetren-tena amin'ny olona rehetra.
[3]Fa teo aloha ny tenantsika dia tsy nanan-tsaina ary tsy nankàtoa. Voatarika tamin'ny lalan-diso isika ary nandevozin'ny filàna sy ny fahafinaretana samihafa. Niaina tao amin'ny faharatsiana sy ny fialonana isika. Nankahalaina izahay ary nifankahala isika.
[4]Fa rehefa niseho ny hatsaram-panahin'Andriamanitra mpamonjy antsika sy ny fitiavany ny olombelona, [5]dia tsy tamin'ny asan'ny fahamarinana nataontsika izany, fa tamin'ny famindram-pony no namonjeny antsika. Izy dia namonjy antsika tamin'ny alalan'ny fanadiovan'ny fahateraham-baovao sy ny fanavaozana tamin'ny Fanahy Masina.
[6]Andriamanitra nandrotsaka betsaka tamintsika ny Fanahy Masina tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy Mpamonjy antsika.
[7]Nataony izany mba, ho voamarina tamin'ny fahasoavana, dia ho tonga mpandova isika amin'ny alalan'ny fahatokisana ny fiainana mandrakizay.
[8]Izany hafatra izany dia mendri-pitokisana. Tiako hilaza momba izany zavatra izany am-pahatokisana ianareo, mba ireo izay mahatoky an'Andriamanitra dia hikasa hanao ireo asa tsara izay efa napetrany teo alohan'izy ireo. Izany zavatra izany dia sady tsara no mahasoa ho an'ny olona rehetra.
[9]Fa ialao ny adihevitra adala sy ny tantaram-pirazanana ary ny fifandiranana sy ny ady momban'ny lalàna. Ireo zavatra ireo dia zava-poana sy tsy mahasoa. [10]Mandà izay olona rehetra miteraka fizarazarana eo anivonareo, aorian'ny fampitandremana indray na indroa, [11]ary fantaro fa ny olona ohatr'izany dia niala tamin'ny lalana marina ary manota sy manameloka ny tenany.
[12]Rehefa naniraka an'i Artema na Tykiko any aminareo aho, dia faingàna ary mankanesa any amiko any Nikopolia, izay nanapahako hevitra andaniana ny ririnina. [13]Faingàna ary alefaso Zena, ilay mpahay lalàna, sy Apolosy, mba tsy hanan-java-mahory izy ireo.
[14]Ny olontsika dia tsy maintsy mianatra manao asa tsara izay ilaina maika mba tsy ahatonga azy ireo tsy hamokatra.
[15]Ireo rehetra miaraka amiko dia manao veloma anareo. Manaova veloma ireo izay tia antsika amin'ny finoana. Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavana.

Filemona

1 [1]Paoly, voafonja an'i Jesosy Kristy, sy ny rahalahy Timoty ho an'i Filemona, namana malalanay sy mpiara-miasa aminay, [2]ary ho an'i Apia anabavinay, sy Arkipo miaramila namanay, ary ho an'ny fiangonana izay miangona ao an-tranonao. [3]Ho aminareo anie ny fahasoavana sy fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo.
[4]Misaotra ny Andriamanitro hatrany aho. [5]Manonona anao aho amin'ny fivavahako. Efa naheno ny amin'ny fitiavana sy ny finoana izay anananao ao amin'i Jesosy Tompo ary ho an'ireo mpino rehetra aho. [6]Mivavaka aho mba hahatonga ny fiombonana amin'ny finoanao hahomby amin'ny fahalalana ny zavatra tsara rehetra izay eo amintsika ao amin'i Kristy.
[7]Fa nanana fifaliana sy fiononana lehibe aho nohon'ny fitiavanao, satria ny fon'ireo mpino dia novelombelomina tamin'ny alalanao, ry rahalahy.
[8]Noho izany, na dia manana fahasahiana rehetra ao amin'i Kristy aza aho handidy anao mba hanao izay tokony hataonao, [9]nefa nohon'ny fitiavana, dia miantso anao kosa aho - izaho, Paoly, lehilahy antitra, ary ankehitriny gadra ho an'i Jesosy Kristy.
[10]Mangataka anao aho ny amin'ny zanako Onesimosy, izay naterako tamin'ny fatorako. [11]Fa izy dia tsy nahasoa anao teo aloha, fa ankehitriny izy dia mahasoa anao sy izaho. [12]Nalefako niverina ho any aminao izy, izy ilay tiako tokoa. [13]Maniry ny hitazona azy hiaraka amiko aho, mba hahafahany manompo ahy ho anao, raha mbola voafatotra nohon'ny filazantsara aho.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[14]Nefa tsy te hanao na inona na inona raha tsy misy ny fanekenao aho. Tsy tiako ho an-katerena ny asa soa ataonao fa an-tsitrapo. [15]Angamba noho izany no nisarahany taminao nandritra ny fotoana fohy, mba hananananao azy mandrakizay.
[16]Tsy ho andevo intsony izy, fa tsara mihoatra noho ny andevo, dia rahalahy malala. Izy no malala indrindra amiko, ary mihoatra lavitra ho anao, na ao amin'ny nofo na ao amin'ny Tompo.
[17]Koa raha manana ahy ho mpiara-miasa ianao, dia raiso toa ahy izy. [18]Raha manao ny tsy mety izy na mitrosa na inona na inona aminao, dia ataovy ho ahy izany. Izaho, Paoly, manoratra izao amin'ny tanako: [19]Izaho no handoa aminao. Tsy milaza aminao hoe mitrosa ny tenanao amiko ianao. [20]Eny, ry rahalahy, ataovy mahazo tombony ao amin'ny Tompo aho; omeo fitsaharana ny foko ao amin'i Kristy.
[21]Ny toky momba ny fankatoavanao, no soratako ho anao. Fantatro fa hanao mihoatra noho izay angatahako ianao.
[22]Mandritra izany fotoana izany ihany, omano ho ahy ny efitra fandraisam-bahiny, fa manantena aho fa amin'ny alalan'ny vavakao dia haverina aminao indray aho.
[23]Epafra, namako mpiara-migadra ao amin'i Jesosy Kristy, manao veloma anao. [24]Toy izany koa i Marka, Aristarko, Demasy ary Lioka, mpiara-miasa amiko. [25]Ho amin'ny fanahinareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Amena.

Hebreo

1 [1]Taloha ela be Andriamanitra dia niresaka tamin'ny razambentsika tamin'ny alalan'ireo mpaminany tamin'ny fotoana maro sy tamin'ny fomba maro. [2]Fa amin'izao andro farany izao, dia niresaka tamintsika tamin'ny alalan'ny Zanaka lahy Izy, izay notendreny ho mpandova ny zavatra rehetra. Tamin'ny alalany ihany koa no naharian' Andriamanitra izao tontolo izao. [3]Izy no famirapiratan'ny voninahitr'Andriamanitra, ilay endriky ny tenany indrindra. Na ny zavatra rehetra aza dia hazominy hiaraka amin'ny alalan'ny herin'ny teniny. Taorian'ny nanadiaovany ireo fahotana, dia nipetraka teo ambanin'ny tanan'ankavanan'ny Lehibe any amin'ny avo izy.
[4]Lasa ambony tahaka ireo anjely Izy, satria ny anarana nolovainy dia tsara lavitra noho ny anaran'izy ireo. [5]Fa iza tamin'ireo anjely no mba nilazan'Andriamanitra hoe: "Zanako ianao, tonga rainao Aho androany" Ary indray hoe: "Ho ray ho azy Aho, ary izy ho zanaka ho Ahy"?
[6]Ary koa, rehefa nitondra ny lahimatoa teto amin'izao tontolo izao Andriamanitra, dia niteny Izy hoe: "Ireo anjelin'Andriamanitra rehetra dia tsy maintsy midera Azy." [7]Momba ireo anjely dia niteny Izy hoe: "Izy ilay iray nanao ireo anjeliny ho fanahy, ary ireo mpanompony nataony lelan'afo."
[8]Fa momban'ny Zanaka dia hoy Izy hoe: "Ny seza fiandriananao, ry Andriamanitra, dia mandrakizay ary ho doria. Ny tehin'ny fanjakanao dia tehin'ny fitsarana. [9]Nitia ny fahamarinana ianao ary nankahala ny fandikan-dalàna. Noho izany Andriamanitra, Andriamanitrao, dia nanosotra anao tamin'ny menaky ny hafaliana mihoatra noho ireo mpiara-dia aminao."
[10]"Tany am-piandohana, ry Tompo, Ianao no namorona ny fototry ny tany. Ireo lanitra dia asan'ny tananao. [11]Ho levona izy ireo, fa Ianao hanohy. Ho rovitra tahaka ny tapa-damba izy ireo. [12]Hamoritra azy ireo tahaka ny fitafiana ianao, ary hovaina tahaka ny poti-damba izy ireo. Fa ianao dia tahaka izany, ary ny taonanao dia tsy hanam-pahataperana."
[13]Fa iza tamin'ireo anjely no nitenenan' Andriamanitra tamin'ny fotoana rehetra hoe: "Mipetraha eo amin'ny tanana ankavanako mandra-panaovako ireo fahavalonao ho seza ho an'ny tongotrao"? [14]Moa ve ireo anjely rehetra tsy fanahy manompo, sy nalefa hiahy ireo izay handova ny famonjena?

2 [1]Noho izany isika dia tsy maintsy mitandrina bebe kokoa amin'izay rentsika, mba tsy hanara-drenirano amin'izany isika.
[2]Fa raha marina ny hafatra izay notenenina tamin'ny alalan'ireo anjely, ary ny fandikan-dalàna rehetra sy ny tsy fankatoavana dia mandray sazy ara-drariny, [3]dia ahoana ary no hafahantsika mandositra raha tsy miraharaha izany famonjena lehibe loatra izany isika? Io no famonjena izay nambaran'ny Tompo voalohany sy namafisin'ireo izay nandre izany tamintsika. [4]Tamin'io fotoana io ihany Andriamanitra dia nanaporofo izany tamin'ny famantarana, fahagagana, ary asa mahery samihafa, ary tamin'ny fizarana ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy Masina araka ny sitrapony.
[5]Fa tsy tamin'ny anjely no nampaneken' Andriamanitra izao tontolo izao ho avy, momba izay resahantsika. [6]Fa kosa, nisy olona nijoro vavolombelona an'izany tany ho any, manao hoe: "Inona ny olona, no misaina azy ianao? Na ny zanak'olona, no mikarakara azy ianao?
[7]Ianao dia nanao ny olona ambany kely noho ireo anjely; nosatrohinao satro-boninahitra tamin'ny voninahitra sy dera izy. [1][8]Ny zavatra rehetra dia nampanekenao eo ambanin' ny tongony." Fa ho azy no nampaneken' Andriamanitra ny zavatra rehetra. Tsy namela na inona na inona izy ka tsy nampanekeny azy. Fa ankehitriny isika dia tsy mbola mahita ny zavatra rehetra nampanekena azy.
[9]Fa isika mahita ilay iray izay nataony ambany noho ireo anjely nandritry ny fotoana fohy: Jesosy, izay, nohon'ny fijaliany sy ny fahafatesany, dia nosatrohina satro-boninahitra tamin'ny voninahitra sy dera. Ka ankehitriny tamin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra, no nanandramany ny fahafatesana ho an'ny olona rehetra. [10]Fa mety amin'Andriamanitra izany, satria ny zavatra rehetra dia misy ho Azy ary amin'ny alalany, mba hitondra zanaka maro ho any amin'ny voninahitra. Mety aminy ny hahatonga ny mpitarika ny famonjena azy ireo ho feno amin'ny alalan'ny fijaliany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Fa na ny olona izay manamasina na ireo izay voamasina dia manana loharano iray. Noho izany dia tsy menatra miantso azy ireo hoe rahalahy Izy. [12]Hoy Izy hoe: "Hanambara ny anaranao amin'ireo rahalahiko Aho, hihira ny momba anao avy ao anatin'ny fivondronana Aho."
[13]Ary koa, "Hatoky azy aho." Ary koa: "Indro, eto aho sy ireo zanaka izay nomen'Andriamanitra ahy." [14]Noho izany, satria nofo aman-drà ireo zanak'Andriamanitra, dia nizara zavatra toy izany niaraka tamin'izy ireo ihany koa Jesosy, mba ho amin'ny alalan'ny fahafatesana no hanafoanany ny iray izay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly izany.
[15]Izany dia mba hanafahany ireo rehetra izay nohon'ny tahotra ny fahafatesana dia niaina ny fiainan'izy rehetra ireo tao amin'ny fanandevozana.
[16]Fa mazava ho azy fa tsy ireo anjely no vonjeny; fa kosa, ny taranak'i Abrahama. [17]Noho izany dia mendrika Azy ny atao tahaka ireo rahalahiny amin'ny fomba rehetra, mba ho mpisoronabe feno famindram-po sy fahatokisana Izy amin'ny fifandraisana amin'ireo zavatr' Andriamanitra, ary mba hitondra momban'ny famelana ireo fahotan'ny olona. [18]Satria Jesosy mihintsy no nijaly sy nalaina fanahy, dia afaka manampy ireo izay alaim-panahy Izy.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny sasany taloha dia miampy hoe: "Ary ianao nametraka azy ambonin'ireo asan'ny tananao."

---

3 [1]Noho izany, ry rahalahy masina, nizara ny antson'ny lanitra ianareo. Saino ny momban'i Jesosy, ny apostoly sy mpisoronabe izay ekentsika. [2]Izy dia nahatoky an'Andriamanitra, izay nanendry azy, tahaka an'i Mosesy izay nahatoky tao an-tranon'Andriamanitra ihany koa. [3]Fa Jesosy dia efa noraisina mendrika ny voninahitra lehibe noho Mosesy, satria izay manorina ny trano no manan-kaja bebe kokoa noho ilay trano. [4]Fa ny trano rehetra dia nisy olona nanorina, fa ny iray izay nanorina ny zavatra rehetra dia Andriamanitra.
[5]Amin'ny lafiny iray, Mosesy dia natokisana toy mpanompo tao an-tranon'Andriamanitra iray manontolo. Izy no vavolombelona momba ireo zavatra izay tokony efa nolazaina amin'ny ho avy. [6]Fa Kristy no Zanaka miandraikitra ny tranon'Andriamanitra. Isika no tranony raha toa ka mihazona mafy ny herim-po sy ny fahatokiantsika isika.
[7]Noho izany, izany dia tahakan'ny lazain'ny Fanahy masina hoe: "Anio, raha mandre ny feony ianareo [8]dia aza manamafy ny fonareo toy ny amin'ny fikomiana, amin'ny fotoanan'ny fitsapana any an'efitra.
[9]Toy izany ny razambenareo rehefa nikomy tamin'ny alalan'ny fitsapana Ahy, ary rehefa, nandritry ny efapolo taona, dia hitan'izy ireo ny asako. [10]Noho izany dia tsy faly Aho amin'io taranaka io. [11]Hoy Aho hoe: 'Izy ireo dia voatarika mandrakariva any amin'ny lalan-diso ao am-pony. Tsy nahafantatra ny lalako izy ireo. Tahaka izany no nianianako tamin'ny fahatezerako hoe: 'Tsy hiditra ao amin'ny fitsaharako velively izy ireo.'"
[12]Mitandrema, ry rahalahy, mba tsy hisy na iray aminareo aza no hanana fo ratsin'ny tsy finoana, fo izay miala amin'Andriamanitra velona. [13]Fa kosa, mifampahereza isan'andro, raha mbola misy ny antsoina hoe: "Anio", mba tsy hisy aminareo ho mafy fo amin'ny alalan'ny fitaky ny fahotana.
[14]Fa isika dia tonga mpiara-miasa amin'i Kristy raha toa ka mihazona mafy ny fahatokisantsika Azy hatrany am-piandohana ka hatrany amin'ny fiafarana. [15]Fa ny momba izany dia efa voalaza hoe: "Anio, raha mandre ny feony ianareo, dia aza manamafy ny fonareo, toy ny amin'ny fikomiana."
[16]Iza izy izay efa nandre an'Andriamanitra ka nikomy? Fa tsy ireo rehetra izay nivoaka avy tany Egypta tamin'ny alalan'i Mosesy ve izany? [17]Iza no nahatezitra azy nandritry ny efapolo taona? Tsy ireo izay nanota ve, izay lavo tany an'efitra ny fatin'izy ireo? [18]Ho an'iza no nianianany fa tsy hiditra ao amin'ny fitsaharany izy ireo, raha tsy ho an'ireo izay tsy nankatoa Azy? [19]Hitantsika fa tsy afaka niditra tao amin'ny fitsaharany izy ireo nohon'ny tsy finoana.

4 [1]Noho izany, aoka hitandrina tsara isika mba tsy hisy aminareo ny tsy afaka hahatratra ny teny fampanantenana navela ho anareo mba hidiranareo ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra. [2]Fa isika dia nanambarana ny vaovao mahafaly tahaka azy ireo. Fa izany hafatra izany dia tsy nisy tombony ho an'ireo izay tsy nitambatra tao amin'ny finoana niaraka tamin'ireo izay nankatoa. ('Fanamarihana: ny dikanteny sasany dia mivaky toy izao: "Fa izany hafatra izany dia tsy nisy tombony ho an'ireo izay nandre azy tamin'ny tsy finoana.")
[3]Fa isika izay nino dia ireo izay hiditra amin'izany fitsaharana izany, araka izay efa nolazainy hoe: "Tahaka ny nianianako tamin'ny fahatezerako, dia tsy hiditra velively ao amin'ny fitsaharako izy ireo." Fa na izany koa aza, ny asa famoronany dia vita tamin'ny fanorenana izao tontolo izao. [4]Fa izy niteny tany ho any momban'ny andro faha-fito hoe: "Andriamanitra nitsahatra tamin'ny andro faha-fito tamin'ny asany rehetra." [5]Ary mbola niteny indray izy hoe: "Izy ireo dia tsy hiditra velively ao amin'ny fitsaharako."
[6]Noho izany, satria mbola voatokana ho an'ny sasany ny fidirana ao amin'ny fitsaharany, ary satria maro ireo Israelita nandre ny vaovao mahafaly tsy niditra tao nohon'ny tsy fankatoavana, [7]dia nametraka andro iray indray nantsoina hoe: "Androany" Andriamanitra. Taorian'ny andro maro, dia niresaka tamin'ny alalan'i Davida Izy, toy izay voalaza mialoha hoe: "Anio raha mandre ny feony ianareo, dia aza manamafy ny fonareo."
[8]Fa raha Josoa no nanome fitsaharana azy ireo, dia tsy niresaka momban'ny andro iray hafa Andriamanitra. [9]Noho izany dia mbola misy sabata fitsaharana voatokana ho an'ny vahoakan' Andriamanitra. [10]Fa izay miditra ao amin'ny fitsaharan'Andriamanitra dia nitsahatra tamin'ny asany ihany koa, tahaka ny nataon'Andriamanitra tamin'ny Azy. [11]Noho

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

izany aoka isika hazoto hiditra amin'izany fitsaharana izany, mba tsy hisy na iray aza ho tafalatsaka amin'ny karazana tsy fankatoavana izay nataon'izy ireo.
[12]Fa ny tenin'Andriamanitra dia velona sy mandaitra ary maranitra noho ny sabatra roa lela. Izany dia manindrona hatramin'ny fanasarahana ny aina amin'ny fanahy, sy ny tonona amin'ny tsoka mihintsy aza. Ka afaka fantarina ny eritreritry ny fo sy ireo fikasana. [13]Tsy nisy famoronana niafina teo anatrehan'Andriamanitra. Fa kosa, ny zavatra rehetra dia miharihary sy misokatra eo imason'ilay iray izay tsy maintsy hampamoahintsika.
[14]Noho izany, satria isika dia manana mpisoronabe lehibe izay lasa namaky ny lanitra, Jesosy Zanak'Andriamanitra, dia andeha isika hifikitra mafy amin'ny finoantsika. [15]Fa isika dia tsy manana mpisoronabe izay tsy mahatsapa fangorahana amin'ny fahalementsika. Fa kosa, isika dia manana olona iray izay efa nalaim-panahy tamin'ny fomba rehetra tahaka antsika, saingy Izy tsy misy ota. [16]Aoka ary isika andeha amin'ny fahatokiana ho any amin'ny seza fiandrianan'ny fahasoavana, mba handraisantsika ny famindram-po sy hahita fahasoavana hanampy amin'ny fotoana ilàna izany.

5 [1]Fa ny mpisoronabe rehetra, voafidy avy tamin'ny olona, dia notendrena mba hiasa amin'ny anaran'ny olona amin'ireo zavatra mahakasika an' Andriamanitra, ka mba hanolorany fanomezana sy fanatitra ho an'ny ota. [2]Izy dia afaka mifanaraka mora amin'ny tsy mahalala sy ny maniasia satria izy tenany ihany koa dia voadidin'ny fahalemena. [3]Noho izany, izy ihany koa dia notakiana hanolotra sorona ho an'ireo otany manokana, tahaka ny nataony ho an'ireo otan'ny olona.
[4]Tsy ho an'ny tenany no handraisan'ny olona izany voninahitra izany. Fa kosa, izy dia nantsoin' Andriamanitra, tahaka an'i Arona. [5]Dia toy izany, Kristy tsy mba nanome haja ny tenany mihintsy tamin'ny fanaovany ny tenany ho mpisoronabe. Fa kosa, ilay iray izay niresaka taminy niteny hoe: "Zanako Ianao; anio dia tonga Rainao Aho."
[6]Toy izany ihany koa no nolazainy tany amin'ny toeran-kafa hoe: "Ianao dia mpisorona mandrakizay araka ny fomban'i Melkizedeka."
[7]Nandritr'ireo andron'ny nofony, Kristy nanolotra vavaka sy fangatahana niaraka tamin'ny hiaka mafy sy ranomaso an'Andriamanitra, ilay iray izay afaka mamonjy Azy amin'ny fahafatesana. Re Izy nohon'ny fangorahany. [8]Na dia zanaka aza Izy, dia nianatra fankatoavana tamin'ireo zavatra izay niaretany.
[9]Natao ho tonga lafatra Izy ka tonga, ho an'ny olona rehetra izay mankatoa Azy, ilay loharanon'ny famonjena mandrakizay. [10]Dia notendren' Andriamanitra tahaka ny mpisoronabe Izy araka ny fomban'i Melkizedeka. [11]Manan-kambara betsaka momban'i Jesosy izahay, fa sarotra ny manazava izany hatramin'ny naha-lalindalovana ny fandrenesanareo.
[12]Fa amin'izao fotoana izao dia tokony ho mpampianatra ianareo, ianareo dia mbola mila olona hampianatra anareo ireo fitsipika fototry ny hafatr'Andriamanitra. Ronono no ilainareo, fa tsy ventin-tsakafo! [13]Fa ny olona izay misotro ronono fotsiny dia tsy ampy traikefa amin'ny hafatry ny fahamarinana, satria izy dia mbola zaza kely. [14]Fa ny ventin-tsakafo dia ho an'ireo lehibe. Ireo dia izay voahofana tamin'ny fanavahana ny tsara amin'ny ratsy ny fahatakarany noho'ny fahamatoran'izy ireo.

6 [1]Noho izany, andeha havelantsika ny fiantombohan'ny hafatr'i Kristy ka handroso amin'ny fahamatorana. Andeha isika tsy hametraka indray ny fototry ny fibebahana nohon'ny asan'ny maty sy ny finoana an'Andriamanitra, [2]na ny fototry ny fampianarana momban'ny batisa, ny fametrahan-tanana, ny fitsanganan'ireo olona maty, ary ny fitsarana mandrakizay. [3]Hanao izany ihany koa isika raha avelan'Andriamanitra.
[4]Fa tsy hay atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha izany, izay nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra, izay nandray ny Fanahy Masina, [5]ary izay nanandrana ny teny tsaran'Andriamanitra sy ireo herin'ny vanim-potoana ho avy, [6]saingy avy eo dia lavo—tsy hay atao ny mamerina azy ireo amin'ny fibebahana indray. Izany dia satria nomboan'izy ireo ho an'ny tenan'izy ireo indray ny Zanak'Andriamanitra, ary nalainy baraka ampahibemaso.
[7]Fa ny tany izay mitroka ny orana mateti-piavy amin'izany, sy izay mamokatra ireo zava-maniry ilain'ireo olona izay niasana ny tany—io no tany izay mandray fitahiana avy amin'Andriamanitra. [8]Fa raha mamokatra tsilo izany, dia tsy misy ilàna azy ary efa akaikin'ny fanozonana. Ny fiafaran'izany dia amin'ny firehetana.
[9]Fa izahay dia resy lahatra ny amin'ireo zavatra tsara kokoa momba anareo, ry malala, zavatra izay mahakasika ny famonjena, na dia miteny tahaka izany aza izahay. [10]Fa Andriamanitra dia tsy mba tsy marina ka hanadino ny asanareo sy ny fitiavana izay nasehonareo nohon'ny anarany, satria ianareo dia nanompo ireo mpino ary mbola manompo azy ireo hatrany.
[11]Maniry mafy izahay mba haneho fahazotoana tahaka izany hatramin'ny farany ny tsirairay aminareo ho an'ny antoky ny fahatokiana feno. [12]Izany dia mba tsy ho lasa kamo ianareo, fa ho mpaka-tahaka an'ireo izay mandova ireo fampanantenana amin'ny finoana sy faharetana.
[13]Fa tamin'Andriamanitra nanao ny fampanantenany tamin'i Abrahama, dia nianiana tamin'ny Tenany Izy, rehefa tsy afaka nianiana tamin'ny olona lehibe kokoa. [14]Hoy Izy hoe: "Izaho dia hitahy anao tokoa, ary tena hahamaro anao."
[15]Tamin'izany fomba izany, dia nahazo izay nampanantenaina taorian'ny niandrasany tamim-paharetana Abrahama.
[16]Fa ny olona dia mianiana amin'ny olona izay lehibe kokoa noho ny tenan'izy ireo. Isakin'ny tapitra ny fifamalian'izy ireo, dia misy voady iray natao ho fanamafisana. [17]Rehefa nanapa-kevitra ny hampiseho mazava kokoa tamin'ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mpandovan'ny fampanantenana ny tsy fiovan'ny kalitaon'ny tanjony Andriamanitra, dia nomeny antoka tamin'ny voady izany. [18]Nataony izany mba ho amin'ny alalan'ny zavatra tsy azo ovaina anankiroa— izay tsy hain'Andriamanitra ny mandainga amin'izany—dia hanana fampaherezana matanjaka mba hihazonana mafy ny fahatokiana izay napetraka teo anoloantsika, isika, izay nandositra mba hanana fialofana.
[19]Manana izany toky izany isika ho aro sy vatofantsika azo hiankinana ho an'ny fanahintsika, fahatokiana izay miditra ao amin'ny fitoerana anatiny ao ambadiky ny lamba. [20]Jesosy niditra tao amin'izany fitoerana izany toy ny mpialoha lalana ho antsika, ka tonga mpisoronabe mandrakizay manaraka ny fomban'i Melkizedeka.

7 [1]Melkizedeka izany, mpanjakan'i Salema, mpisoron'Andriamanitra Avo Indrindra, izay nifanena tamin'i Abrahama rehefa niverina avy nandresy ireo mpanjaka ary nitahy azy. [2]Izy no nomen'i Abrahama ny ampahafolon'ny zavatra rehetra. Ny anarany hoe "Melkizedeka" dia midika hoe "mpanjakan'ny fahamarinana." Ny anarany hafa dia "mpanjakan'i Salema," izany dia: "mpanjakan'ny fiadanana." [3]Izy dia tsy manan-dray, tsy manan-dreny, tsy manana razambe, ary tsy manana fiantombohan'ireo andro sady tsy manana fiafaran'ny fiainana. Fa kosa, mitovy amin'ny Zanak'Andriamanitra izy, satria mitoetra ho mpisorona mandrakizay.
[4]Jereo ny halehiben'io lehilahy io. Ny razambentsika Abrahama dia nanome ny ampahafolon'ireo zavatra izay azony tamin'ny ady. [5]Amin'ny lafiny iray, ireo zanaka lahin'i Levy izay mandray ny fisoronana dia manana baiko avy amin'ny lalàna mba hanangona ny ampahafolon-karena avy any amin'ireo olona, izany dia, avy amin'ireo rahalahin'izy ireo, na izany aza izy ireo, ihany koa, dia avy amin'ny vatan'i Abrahama. [6]Fa amin'ny lafiny iray, Melkizedeka, izay tsy voasoritra avy amin'izy ireo ny taranany, dia nandray ampahafolon-karena avy amin'i Abrahama, ary nanome tso-drano azy, ilay iray izay nanana ireo fampanantenana.
[7]Tsy misy fandavana fa ny olona ambany indrindra dia omen'ny olona ambony indrindra tso-drano. [8]Amin'izany tranga izany, ny olona mety maty dia mandray ampahafolon-karena, fa amin'ity tranga ity dia voaporofo fa mbola velona izy.
[9]Ary, amin'ny fomba firesaka, Levy, izay nandray ampahafolon-karena, dia nandoa ampahafolon-karena tamin'ny alalan'i Abrahama ihany koa, [10]satria Levy dia tao anatin'ny tenan'ny razambeny rehefa nihaona tamin'i Abrahama i Melkizedeka.
[11]Ankehitriny raha azo atao amin'ny alalan'ny fisoronana levitika ny fahatanterahana (fa tao ambanin'izany ny olona no nandray ny lalàna), dia filàna bebe kokoa inona no mety nisy ho an'ny mpisorona hafa mba hitsanganana araka ny fomban'i Melkizedeka, ary tsy raisina araka ny fomban'i Arona? [12]Fa rehefa novàna ny fisoronana, dia tsy maintsy hovàna ihany koa ny lalàna.
[13]Fa ilay iray izay nilazana ny momban'ireo zavatra ireo dia an'ny foko hafa, izay tsy misy olona manompo eo amin'ny alitara mihintsy. [14]Fa mazava ankehitriny, fa avy amin'i Joda no nahaterahan'ny Tompontsika, foko izay tsy nolazain'i Mosesy mihintsy ny mahakasika ireo mpisorona.
[15]Izay lazaintsika dia efa mazava kokoa raha misy mpisorona hafa mitsangana amin'ny endrik'i Melkizedeka. [16]Tsy avy tamin'ny fototry ny lalànan'ny taranaky ny nofo no nahatonga azy ho mpisorona, fa kosa avy tamin'ny fototry ny herin'ny fiainana tsy mety levona. [17]Fa ny Soratra Masina dia mijoro vavolombelona momba azy hoe: "Ianao dia mpisorona mandrakizay araka ny fomban'i Melkizedeka.
[18]Fa nisy fanafoanana ny didy teo aloha satria nalemy sy tsy nisy dikany izany. [19]Fa tsy nisy zavatra nataon'ny lalàna tonga lafatra. Kanefa, misy ny fampidirana fahatokiana tsara kokoa ho an'ny ho avy izay hanatonantsika an'Andriamanitra.
[20]Tsy nitranga izany raha tsy nisy ny fandraisana fianianana. Amin'ny lafiny iray, ireo hafa ireo dia tonga mpisorona tsy nila fianianana. [21]Fa amin'ny lafiny iray hafa, ity iray ity, Jesosy, dia tonga mpisorona tamin'ny alalan'ny fianianana nataon'ilay nilaza taminy hoe: "Ny Tompo dia nianiana ary tsy hiova amin'ny heviny hoe: 'Ianao dia mpisorona mandrakizay.'"
[22]Tamin'ny alalan'izany ihany koa Jesosy no nanome antoka ny fanekem-pihavanana tsara kokoa. [23]Amin'ny lafiny iray, maro no tonga mpisorona satria ny fahafatesana no manakana azy ireo hanohy. [24]Amin'ny lafiny iray hafa, satria Jesosy mitoetra mandrakizay, dia manana fisoronana mandrakizay izy.
[25]Noho izany izy ihany koa dia afaka mamonjy tanteraka ireo izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany, satria izy dia miaina foana mba hanelanelana ho azy ireo. [26]Fa ny mpisoronabe tahaka izany dia mety ho antsika. Izy dia tsy manam-pahotana, tsy manan-tsiny, madio, nosarahana tamin'ireo mpanota, ary tonga ambony noho ireo lanitra.
[27]Tsy mila izy, tsy tahaka ireo mpisoronabe, hanolotra sorona isan'andro, ny voalohany ho an'ireo fahotany manokana, ary avy eo ho an'ireo fahotan'ny olona. Efa nanao izany indray mandeha ho an'ny rehetra izy, rehefa nanolotra ny tenany.
[28]Fa ny lalàna manondro ny olona izay manana fahalemena ho mpisoronabe. Fa ny tenin'ny fianianana, izay tonga taorian'ny lalàna, dia nanendry Zanaka lahy, izay natao tonga lafatra mandrakizay.

8 [1]Ary ny fototry ny zavatra lazainay dia izao: Isika dia manana mpisoronabe izay nipetraka teo an-tanan'ankavanan'ny seza fiandrianan'ilay be Voninahitra any an-danitra. [2]Izy dia mpanompo ao amin'ny toerana masina, ilay tabernakely marina izay ny Tompo, fa tsy ny olona, no nanorina azy.
[3]Fa ny mpisoronabe rehetra dia notendrena hanolotra fanomezana sy sorona. Noho izany dia ilaina ny manana zavatra ho atolotra. [4]Ary raha teto an-tany Kristy, dia tsy ho mpisorona akory Izy, satria misy ireo izay manolotra fanomezana

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

araka ny lalàna. [5]Izy ireo dia manompo ao amin'ny tabernakely izay tandindona sy aloky ny zavatra any an-danitra. Izany dia toy ny nampitandreman' Andriamanitra an'i Mosesy raha izy handeha hanamboatra tabernakely: hoy Andriamanitra hoe: "Jereo mba ho ataonao araka ny modely izay efa naseho anao teny an-tendrombohitra ny zavatra rehetra."
[6]Fa ankehitriny Kristy dia nandray asa fanompoana tsara lavitra. Izany dia noho izy mpanelanelana ihany koa amin'ny fanekena tsara kokoa, izay mifototra amin'ny fampanantenana tsara kokoa. [7]Fa raha tsy nanan-tsiny izany fanekena voalohany izany, dia tsy nisy nilana fanekena faharoa.
[8]Fa rehefa nahita tsiny tamin'ny olona Andriamanitra, dia hoy Izy hoe: "Indro, ho avy ny andro—hoy ny Tompo—rehefa hanao fanekena vaovao amin'ny olon'Israely sy ny olon'i Joda Aho. [9]Dia tsy ho toy ny fanekena izay nataoko niaraka tamin'ny razan'izy ireo tamin'ny andro izay nitondrako azy ireo tamin'ny tanany hiala avy tamin'ny tany Egypta izany. Fa izy ireo dia tsy nitoetra tao amin'ny fanekeko, ary Izaho tsy niraharaha azy ireo—hoy ny Tompo.
[10]Fa izao no fanekena izay ho hataoko amin'ny olon'Israely aorian'ireny andro ireny—hoy ny Tompo. Hataoko ao an-tsain'izy ireo ny lalàko, ary ho soratako ao am-pon'izy ireo ihany koa izany. Ho Andriamanitr'izy ireo Aho, ary izy ireo ho oloko.
[11]Izy ireo dia tsy hampianatra ny mpiara-monina ary ny rahalahiny avy, hiteny hoe: 'Fantaro ny Tompo.' Fa hahafantatra Ahy ny rehetra, manomboka amin'ny kely indrindra ka hatramin'ny lehibe indrindra amin'izy ireo. [12]Fa Izaho dia hamindra fo amin'ny tsy fahamarinan'izy ireo, ary tsy hahatsiaro ireo fahotany intsony."
[13]Amin'ny fitenenana hoe "vaovao", dia nanao ny fanekena voalohany ho taloha izy, ary izay efa lany andro sy antitra dia efa akaiky ho levona.

9 [1]Ary na dia ny fanekena voalohany aza dia nanana fitsipi-pivavahana sy fitoerana masina eto an-tany. [2]Fa nisy tabernakely izay nomanina. Ny efitra voalohany, izay nisy ny fitoeran-jiro, ny latabatra, ary ny mofon'ny fanatrehana, dia nantsoina hoe fitoerana masina.
[3]Ao ambadiky ny lamba faharoa dia nisy efitra iray hafa, antsoina hoe toerana masina indrindra. [4]Nisy alitara volamena ho an'ny ditin-kazo manitra izany. Nisy ny fiaran'ny fanekena ihany koa, izay rakotra volamena tanteraka. Tao anatin'izany dia nisy siny volamena izay nisy ny mana, ny tehin'i Arona izay naniry, ary ireo vato fisaky ny fanekena.
[5]Eny ambonin'ny fiaran'ny fanekena, dia kerobima be voninahitra maro no manaloka ny sarona fanaronana, izay tsy afaka resahanay amin'ny antsipirihiny ankehitriny.
[6]Rehefa voahomana ireo zavatra ireo, dia niditra tao amin'ny efitra ivelan'ny tabernakely foana ireo mpisorona mba hanao ny fanompoan'izy ireo. [7]Fa ny mpisoronabe ihany no niditra indray mandeha isan-taona tao amin'ny efitra faharoa, ary niaraka tamin'ny rà izay natolony ho an'ny tenany sy ho an'ireo fahotana tsy ninian'ireo olona.
[8]Nasehon'ny Fanahy Masina fa ny lalana mankao amin'ny toerana masina indrindra dia mbola tsy naseho raha mbola mitsangana ny tabernakely voalohany. [9]Izany dia fanoharana ho an'izao fotoana ankehitriny izao. Ireo fanomezana sy ireo sorona izay atolotra ankehitriny dia samy tsy afaka hahatanteraka ny fieritreretan'ny mpivavaka iray. [10]Mifantoka amin'ny sakafo sy zava-pisotro sy karazam-pomba fidiovana maro fotsiny ireo. Ireo rehetra ireo dia fitsipika ho an'ny nofo avokoa izay nomena mandra-panamboarana ny fandaminana vaovao.
[11]Kristy dia niavy tahaka ny mpisoronaben'ireo zavatra tsara izay tonga. Nandeha tamin'ny alalan'ny tabernakely lehibe kokoa sy lafatra kokoa izay tsy nataon'ny tanan'olombelona Izy, izay tsy an'izao tontolo voahary izao.[1] [12]Tsy tamin'ny ràn'ireo osy lahy sy vantotr'omby vavy izany, fa tamin'ny ràny manokana izay niditra tao amin'ny toerana masina indrindra indray mandeha monja ho an'ny rehetra ary niaro ny famonjentsika mandrakizay.
[13]Fa raha ny ràn'ireo osy sy ireo omby lahy ary ny famafazana ny lavenon'ny vantotr'omby vavy eo amin'ireo izay lasa maloto no manokana azy ireo eo amin'Andriamanitra ho fanadiovana ny nofon'izy ireo, [14]toy ny ahoana ny fihoaran'ny ràn'i Kristy, izay nanolotra ny Tenany tsy misy kilema ho an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Fanahy mandrakizay, hanadio ny fieritreretantsika hiala amin'ny asa maty mba hanompoana ilay Andriamanitra velona? [15]Noho izany antony izany, dia Izy no mpanalalana ny fanekena vaovao. Izany dia, satria nisy fahafatesana iray niseho mba hanafaka ireo izay ambanin'ny fanekena voalohany amin'ny fahotan'izy ireo, dia handray ny fampanantenan'ny lova mandrakizay ireo izay voaantso.
[16]Fa raha misy didim-pananana, ny fahafatesan' ilay olona izay nanao izany dia tsy maintsy voaporofo. [17]Fa rehefa misy fahafatesana ihany vao manan-kery ny didim-pananana, satria tsy manan-kery izany raha toa ka mbola velona ilay olona izay nanao izany.
[18]Koa na dia ny fanekena voalohany aza tsy natao raha tsy nisy rà. [19]Fa rehefa nanome ny didy rehetra tao amin'ny lalàna tamin'ireo olona rehetra Mosesy, dia naka ny ràn'ireo omby sy ireo osy, niaraka tamin'ny rano, volon'ondry jaky mena, sy hysopa izy, ary namafy teo amin'ny boky sy ny olona rehetra. [20]Ary izy niteny hoe: "Inty no ràn'ny fanekena izay nandidian'Andriamanitra ho anareo."
[21]Toy izany koa, dia namafy ny rà teo amin'ny tabernakely sy ireo fitoeran-javatra rehetra hampiasaina amin'ny fanompoana izy. [22]Araka ny lalàna, dia saika ny zavatra rehetra no voadio tamin'ny rà. Raha tsy misy fandatsahan-drà dia tsy misy famelan-keloka.
[23]Noho izany dia nilaina ny tandindon'ireo zavatra any an-danitra mba ho voadion'ny soron'ireo biby ireo. Na izany aza, ireo zavatry ny lanitra mihintsy no nila nodiovina tamin'ny sorona tsara kokoa. [24]Fa Kristy dia tsy niditra tao amin'ny

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

toerana masina indrindra izay nataon'ny tanana, izay tandindon'ilay iray izay tena izy fotsiny ihany. Fa kosa niditra tany an-danitra mihintsy Izy, mba hiseho eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ho antsika ankehitriny.
[25]Tsy nandeha tao mba hanolotra ny tenany imbetsaka Izy, tahaka ny fanaon'ny mpisoronabe, izay miditra ao amin'ny toerana masina indrindra isan-taona niaraka tamin'ny ràn'ny hafa. [26]Fa raha izany ny zava-nitranga, dia nila nijaly imbetsaka nanomboka tamin'ny fanorenana izao tontolo izao Izy. Fa ankehitriny dia indray mandeha monja no nampisehoana Azy mba hanaisotra ny fahotana amin'ny alalan'ny soron'ny tenany ihany.
[27]Efa natao ho faty indray mandeha ny olon-drehetra, ary aorian'izany no ho avy ny fitsarana. [28]Tahaka izany ihany koa, Kristy, izay natolotra indray mandeha mba hanala ireo fahotan'ny maro, dia hiseho fanindroany, tsy handraraha ny ota, fa ho an'ny famonjena ireo izay miandry Azy amim-paharetana.

---

[a]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Jesosy dia tonga toy ny mpisoronaben'ireo zavatra tsara izay ho avy."

---

10 [1]Fa ny lalàna dia alok'ireo zavatra tsara ho avy fotsiny, fa tsy tena endrik'ireo zavatra ireo. Ireo izay manatona an'Andriamanitra dia tsy afaka ny ho lafatra amin'ny alalan'ny sorona mitovy amin'izay entin'ireo mpisorona isan-taona. [2]Raha izany tsy efa nitsahatra ny nanolotra ireny sorona ireny ve izy ireo? Amin'izany tranga izany, raha efa nodiovina indray mandeha monja izy ireo, dia tsy mba hahafantatra ny ota intsony ireo mpivavaka. [3]Fa amin'ireo sorona ireo dia misy fampatsiahivana ireo ota isan-taona. [4]Satria ny ràn'ny omby lahy sy osy lahy dia tsy mahavita manala ireo ota.
[5]Rehefa tonga teto amin'izao tontolo izao Kristy, dia niteny Izy hoe: "Tsy sorona na koa fanatitra no nirianareo. Fa kosa, vatana izay efa nomaninareo ho Ahy. [6]Ny fanatitra nodorana na sorona ho an'ny ota dia tsy nifalianao. [7]Ary hoy Aho hoe: "Jereo, inty Aho, araka izay voasoratra momba Ahy ao amin'ny Soratra Masina, mba hanao ny sitrakareo."
[8]Voalohany niteny izy hoe: "Tsy sorona, na koa fanatitra, na fanatitra nodorana, na sorona ho an'ny ota no nirinareo. Ary Ianao tsy nifaly tao amin'izy ireny." Ireny dia sorona izay atolotra araka ny lalàna. [9]Ary niteny izy hoe: "Jereo, inty Aho hanao ny sitrakareo." Izy dia nanala ny fampiharana voalohany mba hametrahana ny fampiharana faharoa.
[10]Tamin'izany sitraka izany, isika dia nohamasinina tamin'ny alalan'ny fanatitry ny vatan'i Jesosy Kristy indray mandeha monja.
[11]Amin'ny lafiny iray, ny mpisorona rehetra dia mijoro isan'andro manompo an'Andriamanitra. Izy dia manolotra sorona mitovy hatrany, na izany aza izy ireo dia tsy afaka manala ireo ota mihintsy. [12]Amin'ny lafiny iray hafa, Kristy dia nanolotra sorona iray ho an'ny ota mandrakizay, nipetraka teo an-tanan'ankavanan'Andriamanitra Izy. [13]Izy dia miandry mandra-panaovana ireo fahavalony ho fitoeran-tongotra ho an'ny tongony. [14]Fa tamin'ny fanatitra iray izy dia nahalavorary mandrakizay ireo izay nohamasinina.
[15]Ny Fanahy Masina koa dia mijoro vavolombelona ho antsika. Fa tamin'ny voalohany Izy niteny hoe: [16]"Ity no fanekena izay ho ataoko miaraka amin'izy ireo aorian'ireo andro ireo, hoy ny Tompo. Hapetrako ao am-pon'izy ireo ny lalàko, ary hanoratra izany ao an-tsain'izy ireo Aho.
[17]Tsy hahatsiaro ny ota sy ireo helok'izy ireo intsony Aho." [18]Ary na aiza misy famelana izany, dia tsy misy sorona ho an'ny ota intsony.
[19]Noho izany, ry rahalahy, isika dia manana fahatokiana ny hiditra ao amin'ny toerana masina indrindra tamin'ny ràn'i Jesosy. [20]Izany no lalana vaovao sady velona izay nosokafany ho antsika tamin'ny alalan'ny lamba, izany hoe, tamin'ny alalan' ny nofony. [21]Satria isika dia manana mpisorona lehibe mitandrina ny tranon'Andriamanitra, [22]aoka isika hanatona amin'ny fo madio amin'ny finoana feno fahatokiana, mba hananantsika fo voadio amin'ny fieritreretana ratsy ary hananantsika vatana voadio tamin'ny rano madio.
[23]Aoka isika hiazona mafy ny fanekena ny fiandrandrana mahatokintsika, tsy am-pihozongozonana, satria Andriamanitra, izay nampanantena, dia mahatoky. [24]Aoka isika handinika ny fomba handrisihana ny tsirairay amin'ny fitiavana sy ireo asa tsara. [25]Aoka isika tsy hanajanona ny fiarahana miangona, tahaka ny nataon'ny sasany. Fa kosa, mifankahereza hatrany hatrany, ary maika fa hitanareo fa manakaiky ny andro.
[26]Fa raha toa isika minia manota rehefa avy nandray ny fahalalana ny marina, dia tsy misy fanatitra ho an'ny ota intsony.
[27]Fa kosa, tokana ihany ny fiandrasana mahatahotry ny fitsarana, ary fahatezerana mirehitra izay hamotika ireo fahavalon'Andriamanitra.
[28]Na iza na iza nandà ny lalàn'i Mosesy dia ho faty tsy misy indrafo amin'ny fijorona vavolombelon'ireo roa na telo izay nanatri-maso. [29]Fanasaziana ratsy lavitra toy ny ahoana no eritreretinareo fa mendrika ireo izay nanitsaka ny Zanak'Andriamanitra, izay nanao ny ràn'ny fifanekena ho tsy masina—Ilay rà izay nanamasinana Azy—ary naniratsira ny Fanahin'ny fahasoavana?
[30]Fa isika mahafantatra ilay iray izay niteny hoe: "Ahy ny valifaty; Izaho no hamaly." Ary koa: "Ny Tompo dia hitsara ny olony." [31]Zavatra mampitahotra no hilatsaka eo an-tananan'ny Andriamanitra velona!
[32]Fa tadidio ireo andro taloha, rehefa nohazavaina ianareo, ny fomba niharetanareo ny ady mafy tamin'ny fijaliana.
[33]Ianareo dia nalaina baraka ampahibemaso tamin'ny fanaratsiana sy tamin'ny fanenjehana, ary ianareo dia niaraka nizara tamin'ireo izay nandalo fijaliana toy izany. [34]Satria ianareo dia nanana fangoraham-po tamin'ireo izay voafonja,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ary ianareo dia nanaiky tamin-pifaliana ny fangalàna ny fananananareo. Dia nahafantatra ianareo fa ny tenanareo dia manana fananana tsara kokoa sy maharitra mandrakizay.[1]
[35]Noho izany dia aza ariana ny fahatokianareo, izay manana valisoa lehibe. [36]Fa ianareo dia mila faharetana, mba hahazaoanareo izay nampanantenain'Andriamanitra, rehefa nanao ny sitrapony ianareo. [37]Fa tsy ho ela akory, ilay iray izay ho avy dia ho avy tokoa ary tsy ho tara.
[38]Ny oloko marina dia hivelona amin'ny finoana. Raha mihemotra izy, Izaho dia tsy ho faly aminy." [39]Fa isika dia tsy anisan'ireo izay mihemotra ho amin'ny faharavana. Fa kosa, isika dia anisan'ireo izay manana finoana ho amin'ny fihazonana ny fanahintsika.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha dia tsy hahitana ny fehezanteny hoe: "Fa ianareo dia nanana fangoraham-po tamin'ny gadrako."

---

11 [1]Ary ny finoana no antoka amin'ireo zavatra nandrasana tamim-pahatokiana. Io no porofon'ireo zava-mitranga izay mbola tsy hita. [2]Fa noho izany ireo razambe dia nankatoavina nohon'ny finoan'izy ireo. [3]Amin'ny finoana no hahafantarantsika fa ny didin'Andriamanitra no namoronana izao tontolo izao, ka izay hita maso dia tsy natao tamin'ny zavatra izay hita maso.
[4]Tamin'ny finoana no nanoloran'i Abela fanatitra tsara kokoa ho an'Andriamanitra noho ny an'i Kaina, tamin'ny alalan'izany no nanambarany azy ho marina, ary Andriamanitra niteny tsara azy noho ireo fanatiny, ary amin'ny finoana no mbola hitenenan'i Abela, na dia efa maty aza izy.
[5]Tamin'ny finoana no namindrana an'i Enoka mba tsy ahitany ny fahafatesana. "Tsy hita izy, satria nalain'Andriamanitra." Fa talohan'ny nakana azy, dia nijoroana vavolombelona fa nankasitrahan' Andriamanitra izy. [6]Ary rehefa tsy misy finoana dia tsy mety ho ankasitrahany. Satria ilaina hoe izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy ary Izy no mamaly soa an'ireo izay mitady Azy.
[7]Tamin'ny finoana Noa, no nomena ny hafatra avy amin'Andriamanitra momba ireo zavatra izay tsy mbola hita, niaraka tamin'ny fanajana an' Andriamanitra no nanamboarany ny sambo izay namonjeny ny ankohonany. Fa tamin'ny fanaovana izany, no nanamelohany izao tontolo izao sy nahatongavany ho mpandova ny fahamarinana araky ny finoana.
[8]Tamin'ny finoana Abrahama, rehefa nantsoina, no nankatoa sy nandeha nankany amin'ilay toerana izay hahazoany ho lova. Nandeha izy, tsy nahalala izay tany nombany. [9]Tamin'ny finoana no niainany tany amin'ilay tany nampanantenaina toy ny vahiny. Niaina tao anaty trano lay izy niaraka tamin'Isaka sy Jakoba, ireo mpiara-mandova amin'ilay fampanantenana mitovy. [10]Fa izy nitady ilay tanàna izay manana ireo fanorenana, ilay tanàna izay Andriamanitra no mpamari-trano sy mpanori-trano.
[11]Tamin'ny finoana, na dia Saraha izy tenany izay momba aza, no nahazoan'i Abrahama ny fahafahana ho ray. Nitranga izany na dia efa tena antitra aza izy, satria noheverina ho toy ilay mahatoky nomena ilay fampanantenana izy.[1] [12]Noho izany, avy amin'izany lehilahy izany, izay efa ho faty, no nahaterahan'ireo izay toy ireo kintana eny an-danitra ny hamaroany sy toy ny fasika manamorona ny ranomasina, izay tsy voaisa.
[13]Tao amin'ny finoana ireny rehetra ireny no maty tsy nandray ireo fampanantenana. Fa kosa, taorian'ny nahitana sy niarahabana azy ireo avy eny alavitra, dia nanaiky izy ireo fa vahiny sy sesi-tany ety an-tany. [14]Ho an'ireo izay miteny toy izany zavatra izany dia manazava fa mitady tanindrazana izy ireo.
[15]Raha nieritreritra ny firenena izay nialany izy ireo, dia mety nanana fahafahana hiverina. [16]Fa tahaka izany, naniry firenena tsaratsara kokoa izy ireo, ka izany, ilay any an-danitra. Noho izany tsy mahamenatra an'Andriamanitra ny voaantso hoe Andriamanitr'izy ireo, ka nanomana tanàna ho azy ireo Izy.
[17]Tamin'ny finoana Abrahama, rehefa notsapaina, dia nanolotra an'Isaka. Io no zanany lahy tokana izay natolony, izy ilay nahazo ireo fampanantenana. [18]Tamin'i Abrahama no nilazana hoe: "Amin'ny alalan'Isaka no hanondroana ireo taranakao." [19]Abrahama dia nihevitra fa Andriamanitra dia hahavita hanangana an'Isaka amin'ireo maty, ary amin'ny heviny amin'ny ohatra, avy tamin'izy ireo no hahazoany azy indray.
[20]Tamin'ny finoana momban'ireo zavatra ho avy koa no nitsofan'Isaka rano an'i Jakoba sy Esao. [21]Tamin'ny finoana Jakoba, tamin'izy efa ho faty, no nitso-drano ireo zanak'i Josefa tsirairay avy. Nivavaka Jakoba, nitehana tamin'ny lohan'ny tehiny.
[22]Tamin'ny finoana Josefa, rehefa nanakaiky ny fiafarany, no niresaka ny fiaingan'ny zanak'Israely avy any Egypta ary nanafarany ny amin'ny taolany.
[23]Tamin'ny finoana Mosesy, rehefa teraka izy, dia nafenin'ireo ray aman-dreniny nandritry ny telo volana satria hitan'izy ireo fa zaza tsara izy. Tsy natahotra ny didin'ny mpanjaka izy ireo. [24]Tamin'ny finoana Mosesy, taorian'ny nahalehibe azy, no nandà ny hiantsoana azy ho zanaka lahin'ny zanaka vavin'i Farao. [25]Fa kosa, nisafidy ny hijaly niaraka tamin'ny vahoakan'Andriamanitra izy, toy izay hankafy ireo fahafinaretan'ny fahotana mandritry ny fotoana fohy. [26]Nilaza izy hoe ny fahafaham-baraka amin'ny fanarahana an'i Kristy dia harena ngeza noho ireo haren'i Egypta. Satria nampifantoka ireo masony tamin'ny valisoany izy.
[27]Tamin'ny finoana no nialan'i Mosesy tany Egypta. Tsy natahotra ny fahatezeran'ny mpanjaka izy, fa niaritra izany toy ny nahitany ilay tsy hita maso. [28]Tamin'ny finoana no nitandremany ny Paska sy ny famafazana ny rà, mba tsy hikasika ny zanaka lahimatoan'ireo Israelita ny mpandringana ny zanaka lahimatoa.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[29]Tamin'ny finoana no niampitan'izy ireo ny Ranomasina Mena toy ny mandia tany maina. Rehefa nanandrana nanao izany ireo Egyptiana, dia voatelina izy ireo. [30]Tamin'ny finoana no nirodanan'ny mandan'i Jeriko, rehefa avy nihodidina nandritry ny fito andro izy ireo. [31]Tamin'ny finoana no tsy nahafaty an'i Rahaba ilay mpivarotena niaraka tamin'ireo mpaniasia, satria nandray ireo mpisafo tany tamin'ny fiadanana izy.
[32]Inona ihany koa no afaka lazaiko? Fa ho lany ny fotoako raha miresaka momban'i Gideona, Baraka, Samsona, Jefta, Davida, Samoela, ary momban'ireo mpaminany aho. [33]Tamin'ny alalan'ny finoana no nahazoan'izy ireo ny fanjakana, niasa ara-drariny, ary nandray ireo fampanantenana. Nanakombona ny vavan'ireo liona izy ireo, [34]namono ny herin'ny afo, nandositra ny lelan'ny sabatra, sitrana tamin'ireo aretina, lasa nahery an' ady, ary nandresy ireo tafika vahiny.
[35]Nitsangana tamin'ny maty tamin'ny fananganan-ko velona ireo vehivavy. Ireo hafa dia nampijaliana, tamin'ny tsy fanekena ny famotsorana mba hahazoan'izy ireo fitsanganana tsara kokoa. [36]Ny hafa dia notsapaina tamin'ny fanesoana sy ireo fikapohana, eny fa na dia ny fatotra sy ny fanagadrana aza. [37]Notoraham-bato izy ireo. Notsofaina hizara roa izy ireo. Novonoina tamin'ny sabatra izy ireo. Nirenireny tamin'ny hoditr'ondry sy hoditr'osy izy ireo. Nahantra izy ireo, nampihorohoroana, nampahoriana.[2] [38]Izao tontolo izao dia tsy mendrika azy ireo. Nirenireny tany an'efitra, tany amin'ireo tendrombohitra, tany amin'ireo lava-bato, ary tany amin'ireo lavaka ambanin'ny tany izy ireo.
[39]Kanefa ireny olona rehetra ireny dia neken'Andriamanitra nohon'ny finoan'izy ireo, tsy nandray ny fampanantenana izy ireo. [40]Nanomana zavatra tsara kokoa ho antsika Andriamanitra, mba tsy ho lavorary izy ireo, raha tsy misy antsika.

---

[1]Fanamarihana: Misy fanontaniana momban'ny hoe ny finoan'i Abrahama sa ny finoan'i Saraha no navohitra. "Tamin'ny finoan'i Saraha, na dia efa antitra aza izy, no nahazoany ny hery hanan'anaka, na dia efa tena antitra aza izy hitondra zaza, satria nihevitra ilay nanome ilay fampanantenana azy ho mahatoky."
[2]Fanamarihana: ny dikan-teny sasany taloha dia mivaky hoe: "Notoraham-bato izy ireo. Notsofaina hizara roa. Nampandalovina fitsapana. Novonoina tamin'ny sabatra."

---

12 [1]Noho izany, satria isika voadidina vavolombelona maro be toy ny rahona, dia andeha isika hamela ny vesatra rehetra sy ny fahotana mora manodidina antsika. Andeha isika hihazakazaka am-paharetana ny fihazakazahana izay napetraka teo alohantsika. [2]Andeha isika hitandrina amin'i Jesosy, ny mpampiatomboka sy mpanantanteraka ny finoana. Fa nohon'ny hafaliana izay napetraka teo anoloany, dia niaritra ny hazofijaliana Izy, tsy niraharaha ny henatr'izany, ary nipetraka teo an-tanan'an-kavanan'ny seza fiandrianan' Andriamanitra. [3]Noho izany eritrereto ny momba Azy, ilay iray izay niaritra fanoherana toy izany avy tamin'ireo mpanota hanohitra ny tenany, mba tsy ho reraka ao am-ponareo ianareo ka hilavo lefona.
[4]Tsy mbola nanohitra ianareo na nikezaka hanohitra ny fahotana hatramin'ny fahalatsahan-drà, [5]ary adinonareo ny fampaherezana izay nampianarina anareo toy ny amin'ireo zanaka hoe: "Ry zanako lahy, aza manamaivana ny fitsipiky ny Tompo, na mihareraka raha ahitsiny ianareo." [6]Fa ny Tompo manafay ny rehetra izay tiany, ary Izy manasazy ny zanaka tsirairay izay raisiny.
[7]Miareta fijaliana toy ny fitsipika. Andriamanitra dia mitondra anareo toy ny zanaka. Fa zanaka inona no teo ka tsy nofaizin'ny rainy? [8]Fa raha tsy manana fitsipika ianareo, izay ananan'ny olona rehetra, dia zazasary ianareo fa tsy zanany.
[9]Ary koa, nanana ny ray ara-nofo toy ny mpanafay isika, ary nanaja azy ireo isika. Tsy tokony hankatoa kokoa ny Rain'ny fanahy ve isika ary ho velona? [10]Fa etsy andaniny, ireo raintsika nanafay antsika nandritry ny andro vitsy araka izay marina tamin'izy ireo. [11]Nefa etsy ankilany, Andriamanitra nanao izany ho an'izay tsara ho antsika mba hafahantsika manana anjara amin'ny fahamasinany. Tsy misy famaizana mitranga ho mahafinaritra, fa manaintaina aza. Kanefa izany aoriana kely dia mamokatra ny vokatra feno fiadanan'ny fahamarinana ho an'ireo izay nozarina tamin'izany.
[12]Noho izany hatanjaho ireo tananareo izay miraviravy sy ireo lohalikareo malemy. [13]Manaova lalana mahitsy ho an'ny tongotrareo, mba izay malemy dia tsy hipitsoka fa ho sitrana aza.
[14]Manenjeha fiadanana miaraka amin'ny olona rehetra, ary ny fahamasinana ihany koa izay tsy hahitan'iza na iza ny Tompo raha tsy miaraka amin'izany. [15]Mitandrema mba tsy hisy na iza na iza tsy hanana ny fahasoavan'Andriamanitra, ary tsy hisy fakan'ny fahangidiana mitombo hiteraka korontana, mba tsy ho maro no lasa voaloto amin'izany.
[16]Mitandrema mba tsy hisy fijangajangana na olona tsy an'Andriamanitra toa an'i Esao, izay nivarotra ny fizokiany ho an'ny sakafo iray. [17]Fa ianareo mahafantatra fa rehefa afaka izany, rehefa naniry ny handova ny fitahiana izy, dia nolavina, satria tsy nahita irika amin'ny fibebahana izy, na dia nikatsaka izany tamin-dranomaso aza.
[18]Fa ianareo tsy tonga teo amin'ny tendrombohitra izay tsy azo kasihina, tendrombohitry ny afo mandoro, haizina, fahamaizinana, ary tafiotra. [19]Ianareo dia tsy tonga teo amin'ny trompetra maneno mafy, na teo amin'ny feo izay miteny ireo teny izay ny mpihaino izany dia nangataka mba tsy hisy teny hafa ho lazaina amin'izy ireo. [20]Fa izy ireo tsy afaka niaritra izay nodidiana hoe: "Fa na dia ny biby mikasika ny tendrombohitra aza, dia tsy maintsy ho toraham-bato izany."[1] [21]Fa mampitahotra loatra ilay fahitana izay nolazain'i Mosesy hoe: "Mihorohoro aho ary mangovitra"
[22]Fa ianareo kosa, dia tonga teo amin'ny tendrombohitra Ziona ary teo amin'ny tanànan'Andriamanitra velona, ny Jerosalema any an-danitra, ary teo amin'ireo anjely an'alin'alina tamin'ny fankalazana. [23]Ianareo dia tonga teo amin'ny antokon'olon'ny voalohan-teraka, izay voasoratra anarana any an-danitra. Ianareo dia tonga teo amin'Andriamanitra, ilay Mpitsara ny rehetra, ary teo amin'ireo fanahin'ireo olon'ny fahamarinana izay natao tonga lafatra. [24]Ianareo dia tonga teo amin'i Jesosy, ilay mpanalalana ny fanekena vaovao, ary teo amin'ny rà latsaka izay tsara kokoa noho ny ràn'i Abela.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[25]Aoka ianareo tsy handà ilay iray izay miteny. Fa raha tsy nandositra izy ireo tamin'izy ireo nandà ny iray izay nampitandrina azy ireo teto an-tany, dia kely kokoa no handosirantsika raha mihodina amin'ilay iray izay mampitandrina antsika avy any an-danitra isika. [26]Tamin'ny fotoana iray, ny feony nanozongozona ny tany. Fa ankehitriny Izy nampanantena sy niteny hoe: "Mbola hanozongozona indray mandeha tsy ny tany ihany aho, fa ny lanitra ihany koa."
[27]Ireo teny ireo, "Indray mandeha koa", dia midika ny famindrana ireo zavatra izay afaka hozongozonina, izany dia, ireo zavatra izay nohariana, mba hitoetra ireo zavatra izay tsy azo hozongozonina. [28]Noho izany, satria mandray fanjakana izay tsy azo hozongozonina, dia aoka ho mpankasitraka isika ary amin'izany fomba izany dia hidera an'Andriamanitra am-panajana fatratra sy amin-tahotra. [29]Fa ny Andriamanintsika dia afo mandevona.

---

[a]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany taloha dia mivaky toy izao: "Fa na dia biby iray izay mikasika ny tendrombohitra aza, dia tsy maintsy ho toraham-bato izany na ho vonoina amin'ny zana-tsipika."

---

13 [1]Aoka hitohy ny fitiavana ara-pirahalahiana. [2]Aza manadino ny fampiantranoana ireo vahiny. Fa tamin'ny alalan'izany, no nanehoan'ny sasany fampiantranoana ireo anjely nefa tsy fantany izany.
[3]Tsarovy ireo voafonja, toy ny hoe niara-nifatotra tamin'izy ireo ianareo. Tsarovy ireo izay nampahoriana, toy ny hoe izy ireo ihany koa ianareo amin'ny vatana. [4]Aoka ho hajain'ny tsirairay ny fanambadiana. Aoka ny fandrian'ny fanambadiana mba hadio, fa Andriamanitra dia hitsara ireo mpangala-badin'olona sy ireo mpijangajanga.
[5]Avelao ny fitondran-tenanareo ho afaka amin'ny fitiavam-bola. Mifalia amin'ireo zavatra izay hanananareo, satria Andriamanitra tenany dia niteny hoe: "Izaho dia tsy handao anareo mihitsy, na hahafoy anareo akory." [6]Aleo isika ho faly mba ho sahy hiteny hoe: "Ny Tompo no Mpamonjiko; ka tsy hatahotra aho. Inona no azon'ny olona atao amiko?"
[7]Hevero ireo mpitarika anareo, ireo izay niteny ny Tenin'Andriamanitra taminareo, ary hevero ny vokatrin'ny fihetsik'izy ireo. Alao tahaka ny finoan'izy ireo. [8]Jesosy Kristy dia tsy miova omaly, sy anio, ary mandrakizay.
[9]Aza manaiky taomina amin'ireo karazana fampianarana hafahafa. Fa tsara raha tokony hamafisina amin'ny fahasoavana ny fo, fa tsy amin'ny hanina izay tsy manampy ireo izay mandeha miaraka amin'izy ireo. [10]Isika dia manana alitara izay tsy ananan'ireo izay manompo ny tabernakely fahefana hihinana. [11]Fa ny ràn'ireo biby novonoina atao fanatitra ho an'ny ota dia nentin'ny mpisoronabe tao amin'ny toerana masina, nandritr'izany ny vatan'izy ireo dia nodorana tany ivelan'ny toby.
[12]Noho izany Jesosy ihany koa dia nijaly tany ivelan'ny vavahadin'ny tanàna, mba hanamasina ireo vahoaka amin'ny alalan'ny ràny manokana. [13]Andeha isika noho izany ho any Aminy any ivelan'ny toby, hitondra ny fahafam-barakany. [14]Fa tsy manana tanàna maharitra isika ety. Fa kosa, miandry ilay iray izay ho avy isika.
[15]Amin'ny alalany, ary, dia andao isika hanolotra ireo fanati-piderana ho an'Andriamanitra hatrany, fiderana vokatry ny molotra izay manaiky ny anarany. [16]Aleo tsy adinointsika ny manao ny tsara sy manampy ny tsirairay avy, fa amin'ny fanatitra tahaka izany no tena mahafaly an'Andriamanitra. [17]Mankatoava sy maneke ireo mpitarika anareo, fa izy ireo no miahy ny fanahinareo, tahaka ireo izay hanao tatitra. Mankatoava mba hanao izany am-pifaliana ireo mpitondra anareo, fa tsy am-pisentoana, izay lasa tsy misy dikany ho anareo.
[18]Mivavaha ho anay, fa izahay dia nino fa manana feon'ny fieritreretana madio ary maniry hiaina am-pahamarinana ny zavatra rehetra. [19]Manosika anareo bebe kokoa aza aho mba hanao izany, ka mba hiverina faingana aminareo aho.
[20]Ary ilay Andriamanitry ny fiadanana, izay nanangana tamin'ny maty ilay mpiandry ondry lehibe, ny Tompontsika Jesosy, tamin'ny alalan'ny ràn'ny fanekena mandrakizay, [21]dia hanatsara anareo amin'ny asa tsara rehetra mba hanaovana ny sitrapony. Izy anie hiasa ao anatintsika izay tena ankasitrahana eo anatrehany, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, izay homena ny voninahitra mandrakizay. Amena.
[22]Ary mankahery anareo aho, ry rahalahy, mba hizaka ny tenin'ny fampaherezana izay nosoratako fohy ho anareo.
[23]Fantaro fa efa nafahana Timoty rahalahintsika, izay hiaraka amiko hijery anareo raha tonga aloha izy.
[24]Ataovy veloma ireo mpitarika anareo rehetra sy ireo mpino rehetra. Ireo izay avy any Italia dia manao veloma anareo.
[25]Ho aminareo rehetra anie ny fahasoavana.

Jakoba

1 [1]Jakoba, mpanompon'Andriamanitra sy Tompo Jesosy Kristy, ho an'ireo foko roa ambin'ny folo niparitaka: arahaba.
[2]Raiso ho fifaliana avokoa izany, ry rahalahy, rehefa misedra olana samihafa ianareo. [3]Fantatrareo fa ny fitsapana ny finoanareo dia mahantonga faharetana.
[4]Avelao ny faharetana hahatanteraka ny asany, mba tena hivoatra sy ho feno tanteraka ianareo, ka tsy ho ory na inona na inona. [5]Fa raha misy aminareo mila fahendrena, aoka izy hangataka izany amin'Andriamanitra, ilay iray izay manome an-tsitrapo sy tsy mandatsa izay rehetra mangataka, ary omeny azy izany.
[6]Fa avelao izy hangataka amin'ny finoana, tsy misalasala amin'inona na inona. Fa izay misalasala dia tahaka ny onjan-dranomasina izay entin'ny rivotra sy mitopatopa. [7]Fa izany olona izany dia tsy tokony hieritreritra ny handray na inona na inona avy amin'ny Tompo. [8]Ny olona tahaka izany dia miroa saina, miovaova amin'ny lalany rehetra.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[9]Aoka ny rahalahy mahantra hanao ny fisandratany ho reharehany, [10]fa ny olona manan-karena amin'ny fietreny, satria izy dia hilofika tahaka ny voninkazo-dia eny amin'ny ahitra. [11]Fa ny masoandro dia miposaka amin'ny hafanana mahamay ary manamaina ny ahitra. Ny voninkazo dia mihintsana, ary ny hatsarany dia ho levona. Toy izany koa, ny olona manan-karena dia halazo eny amin'ny atsasaky ny diany.
[12]Sambatra ny olona izay miaritra fitsapana. Satria rehefa avy nandalo fitsapana izy, dia handray ny satroboninahitry ny fiainana, izay nampanantenaina tamin'ireo izay tia an' Andriamanitra. [13]Rehefa misy halaim-panahy dia aoka izy tsy hiteny hoe: "Andriamanitra no naka fanahy ahy," satria Andriamanitra tsy azon'ny ratsy alaina fanahy, sady tsy mba maka fanahy na an'iza na iza.
[14]Fa samy alaim-panahy amin'ny faniriany manokana ny olona tsirairay, izay mampiemotra sy mandresy azy. [15]Rehefa avy torontoronina ny faniriana, dia miteraka fahotana izany. Ary rehefa mitombo tanteraka ny ota, dia miteraka fahafatesana. [16]Aza mety ho fitahina, ry rahalahy malalako.
[17]Ny fanomezana tsara rehetra sy ny fanomezana tonga lafatra rehetra dia avy any ambony. Izany dia midina avy amin'ny Rain'ny fahazavana. Miaraka aminy dia tsy misy fiovana na aloka nohon'ny fiodinana. [18]Andriamanitra dia nisafidy ny hanome fahaterahana antsika amin'ny tenin'ny fahamarinana, mba ho karazana voaloham-bokatr'ireo zavatra rehetra izay noforoniny isika.
[19]Fantatrareo izany, ry rahalahy malalako: aoka ny olona rehetra halaky hihaino, tsy hiteny haingana, ary tsy halaky ho tezitra. [20]Fa ny hatezeran'ny olona dia tsy ahefana ny fahamarinan'Andriamanitra. [21]Koa esory ny fahalotoana rehetra sy ny faharatsiana rehetra. Amim-panetre-tena dia raiso ny teny efa napetraka, izay afaka mamonjy ny fanahinareo.
[22]Aoka ho mpankatoa ny teny ianareo fa tsy mpihaino fotsiny ihany, ka mamitaka ny tenanareo. [23]Fa raha misy mpihaino ny teny nefa tsy mpankatoa, dia tahaka ny olona izay mandinika ny tarehiny voajanahary anaty fitaratra izy. [24]Mandinika ny tenany izy ka mandeha avy eo ary manadino avy hatrany ny momba azy. [25]Fa ny olona izay mandinika tsara ny lalànan'ny fahafahana tonga lafatra, sy manohy manao izany, fa tsy hoe mpihaino fotsiny izay manadino, dia ho tahiana amin'ireo asany izany olona izany.
[26]Raha misy mihevi-tena ho mpivavaka, nefa tsy mifehy ny lelany, dia mamitaka ny fony izy, ary tsy misy vidiny ny fivavahany. [27]Ny fivavahana madio sy tsy misy pentina eo anoloan' Andriamanintsika sy ny Raintsika dia izao: hanampy ireo kamboty sy ireo mpitondratena amin'ny fahorian'izy ireo, ary miaro ny tena mba tsy hisy pentina avy amin'izao tontolo izao.

2 [1]Ry rahalahiko, aza mihazona ny finoana an'i Tompontsika Jesosy Kristy, Ilay Tompon'ny voninahitra, amin'ny fiagarana amin'ny olona sasany. [2]Ataovy hoe misy olona miditra ao amin'ny fivorianareo manao peratra volamena sy akanjo tsara, ary misy lehilahy mahantra ihany koa miditra manao akanjo maloto. [3]Raha mijery ilay olona miakanjo tsara ianao ary miteny hoe: "Azafady mitoera eto amin'ny toerana tsara," fa hiteny amin'ilay lehilahy mahantra kosa hoe: "Mitsangàna ianao ery," na hoe: "Mipetraha eto an-tongotro," [4]moa tsy mifampitsara aminareo ianareo? Moa tsy lasa mpitsara amin'ny eritreri-dratsy ianareo?
[5]Mihainoa, ry rahalahy malalako, tsy efa nofidian' Andriamanitra ve ny mahantran'izao tontolo izao mba hanankarena amin'ny finoana sy mba ho mpandova ny fanajakana izay nampanantenainy ireo izay tia Azy? [6]Fa ianareo dia nanala baraka ny mahantra! Moa tsy ny mpanan-karena ve no mampahory anareo? Moa tsy ireo va no mitarika anareo ho eo amin'ny fitsarana? [7]Moa tsy izy ireo va no nanaratsy ny anarana tsara izay anareo?
[8]Na izany aza, raha manatanteraka ny lalàn'ny mpanjaka ianareo, araky ny Soratra Masina hoe: "Tiava ny namanao tahaka ny tenanao," dia manao ny tsara ianareo. [9]Fa raha manome sitraka ny olona sasany kosa ianareo, dia manota, ka voaheloka toy ny mpandika lalàna.
[10]Fa na iza na iza mankatoa ny lalàna rehetra, kanefa lavo amin'ny lalana iray monja, dia ho meloka amin'ny lalàna rehetra. [11]Fa ilay niteny hoe: "Aza mijangajanga," dia niteny ihany koa hoe: "Aza mamono olona." Raha tsy mijangajanga ianareo, kanefa mamono olona, dia lasa mpandika lalàna.
[12]Noho izany mitenena sy manaova tahaka ireo izay ho tsaraina amin'ny lalàn'ny fahafahana. [13]Fa ny fitsarana dia tonga tsy misy famindram-po amin'ireo izay tsy naneho famindram-po. Ary ny famindram-po dia mandresy ny fitsarana.
[14]Inona no soa, ry rahalahiko, raha milaza ny olona iray fa manam-pinoana izy, kanefa tsy misy asa? Afaka hamonjy azy ve izany finoana izany? [15]Ataovy hoe misy rahalahy na anabavy ratsy fitafy sy tsy ampy sakafo isan'andro. [16]Ataovy hoe misy iray aminareo miteny amin'izy ireo hoe: "Mandehana am-piadanana, manaova mafana ary mivokisa." Raha tsy manome azy ireo ny zavatra ilainy ho an'ny vatana ianareo, inona no mahatsara izany? [17]Dia toy izany koa ny finoana, raha tsy misy asa izany, dia maty.
[18]Nefa mety misy olona miteny hoe: "Manam- pinoana ianao, ary izaho manan'asa." Asehoy ahy ny finoanao tsy misy asa, dia hasehoko anao koa ny finoako amin'ny alalan'ny asako. [19]Ianao dia mino fa iray ihany ny Andriamanitra; tsara izany ataonao izany. Fa na ireo demonia aza mino izany, ka dia mangovitra izy ireo. [20]Tianareo ho fantatra ve, ry lehilahy adala, fa ny finonana tsy misy asa dia tsy misy ilaina azy?[1]
[21]Tsy tamin'ny asa koa ve no nanamarinana an'i Abrahama raintsika rehefa nanolotra an'Isaka zanany lahy teo amin'ny alitara izy? [22]Hitanao fa ny finoana dia niasa niaraka tamin'ny asany, ary amin'ny asa dia nivoatra tanteraka ny finoany.
[23]Dia tanteraka ny Soratra Masina izay milaza hoe: "Abrahama nino an'Andriamanitra, ka nisaina taminy ho

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fahamarinana izany," ary izy nantsoina hoe sakaizan'Andriamanitra. [24]Hitanareo izao fa amin'ny asa no hanamarinana ny olona, fa tsy amin'ny finoana ihany.
[25]Toy izany koa, Rahaba mpivaro-tena tsy nohamarinina tamin'ny asa koa ve izy, rehefa nandray ireo iraka sy nandefa azy ireo tamin'ny lalan-kafa? [26]Fa maty ny tena raha misaraka amin'ny fanahy, dia toy izany ihany koa, ny finoana tsy misy asa dia maty.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha sasany dia mamaky hoe: "Tianareo ho fantatra va, ry lehilahy adala, hoe nahoana ny finoana tsy misy asa no maty?"

---

3 [1]Tsy olona maro no tokony ho lasa mpampianatra, ry rahalahiko. Fantantsika fa handray fitsarana mafy kokoa isika.
[2]Fa isika rehetra dia tafintohina amin'ny fomba maro. Raha misy tsy tafintohina amin'ireo teny, dia lehilahy matotra tanteraka izy, afaka mifehy na dia ny tenany iray manontolo aza.
[3]Ary raha asiantsika lamboridy eo ambavan'ireo soavaly mba hankatoavan'izy ireo antsika, dia afaka mitondra ny vatan'izy ireo iray manontolo ihany koa isika. [4]Jereo ihany koa fa ireo sambo, na dia lehibe tokoa aza izy ireny ary entin'ny rivo-mahery, dia voavilin'ny familiana tena kely any amin'izay rehetra tian'ny mpanamory.
[5]Toy izany koa ny lela dia rantsana kely amin'ny vatana, kanefa izy dia mihambo zavatra betsaka. Jereo ihany koa ny hakelin'ny afo izay mandoro ala be. [6]Ny lela ihany koa dia afo, tontolon'ny fahotana napetraka teo amin'ny ratsam-batantsika. Izany dia manisy pentipentina ny vatana iray manontolo ary mandoro ny lalam-piainana. Arehitrin'ny helo ny tenany.
[7]Fa ny karazam-bibidia rehetra, vorona, biby mandady, ary zava-boaharin-dranomasina dia folaka ary nofolahin'ny olombelona. [8]Fa momban'ny lela, tsy misy olona mahavita mamolaka izany. Io dia ratsy tsy hay fehezina, feno poizina mahafaty.
[9]Amin'io no hiderantsika ny Tompo sy ny Ray, ary amin'io no hanozonantsika olona, izay natao nitovy tamin'Andriamanitra. [10]Avy amin'izany vava izany ihany no hivoahan'ny fitahiana sy fanozonana. Ry rahalahiko, tsy tokony hitranga ireo zavatra ireo.
[11]Moa ny loharano va mamoaka rano mamy sy mangidy avy amin'ny fivoahany? [12]Moa ny hazon'ny aviavy va, ry rahalahiko, mamoa oliva? Na ny voaloboka, mamoa aviavy? Ny rano masira koa dia tsy afaka hanome rano mamy.
[13]Iza no hendry sy mahalala eo anivonareo? Avelao izany olona izany hampiseho fiainana tsara amin'ny asany amin'ny fanetren-tenan'ny fahendrena. [14]Fa raha manana fialonana mangidy ianareo ary fanirian-daza ao am-ponareo, dia aza mihambo na mandainga manohitra ny marina.
[15]Izany dia tsy fahendrena izay nidina avy any ambony. Fa kosa, avy amin'ny tany, ny tsy ara-panahy, ny demoniaka izany.
[16]Fa any amin'izay misy fialonana sy fanirian-daza, dia misy fifanjevona sy fanaovana ny ratsy rehetra. [17]Fa ny fahendrena avy any ambony dia madio aloha, avy eo feno fiadanana, malemy fanahy, mihevitra ny hafa, feno famindram-po sy vokatra tsara, tsy malemy, ary tsotra. [18]Ny vokatry ny fahamarinana dia voafafy am-piadanana eo anivon'ireo izay mampihavana.

4 [1]Avy aiza no niavian'ireo ady sy ireo fifandirana eo aminareo? Moa va ireo tsy avy amin'ny fanirianareo izay miady amin'ny mpikambana eo anivonareo? [2]Maniry ianareo, nefa tsy manana. Mamono sy mitsiriritra ianareo, nefa tsy afaka ny ahazo. Miady sy mifanditra ianareo. Tsy manana ianareo satria tsy mangataka. [3]Mangataka ianareo nefa tsy mahazo satria ratsy fangataka, mba hahafahanareo mampiasa izany ho amin'ny fanirianareo.
[4]Ianareo ry Mpijanganjanga! Moa tsy fantatrareo ve fa ny fisakaizana amin'izao tontolo izao dia fandrafiana manohitra an'Andriamanitra? Koa na iza na iza te-ho sakaizan'izao tontolo izao dia manao ny tenany ho fahavalon'Andriamanitra.
[5]Sa ianareo va mieritreritra fa ny Soratra Masina dia miteny zava-poana hoe: "Ny Fanahy izay nataony niaina tao amintsika dia saro-piaro loatra"?
[6]Fa Andriamanitra manome fahasoavana bebe kokoa, noho izany dia hoy ny soratra masina hoe: "Andriamanitra manohitra ny mpirehareha, fa manome fahasoavana ny mpanetry tena" [7]Ka maneke an'Andriamanitra. Tohero ny devoly, dia handositra anareo izy.
[8]Manakaikeza an'Andriamanitra, dia hanakaiky anareo izy. Diovy ny tananareo, ry mpanota, ary diovy ny fonareo, ry mpiroa saina. [9]Malahelova, misaonà, ary mitomania! Aoka ny fiomehezanareo hody fitomaniana, ary ny fifalianareo ho fanjoretana. [10]Manetre-tena eo anatrehan'ny Tompo, dia hanandratra anareo Izy.
[11]Aza mifanaratsy ianareo, ry rahalahy. Ny olona izay manaratsy ny rahalahy na mitsara ny rahalahiny dia manohitra ny lalàna ary mitsara ny lalàna. Raha mitsara ny lalàna ianareo, dia tsy mpankàto ny lalàna, fa mpitsara. [12]Iray ihany no manome lalàna sy mitsara. Izy ilay iray afaka mamonjy sy mandringana. Iza moa ianao, izay mitsara ny namanao?
[13]Koa mihainoa, ianareo izay miteny hoe: "Anio na rahampitso hiditra ato amin'ity tanàna ity isika, hijanona herintaona any, hanao varotra, ary haka tombony." [14]Iza no mahalala izay hitranga rahampitso, ary inona ny fiainanareo? Fa zavona mipoitra vetivety ianareo ary avy eo dia levona.
[15]Fa kosa, tokony hilaza ianareo hoe: "Raha sitraky ny Tompo, dia ho velona isika ary hanao an'itsy na hanao an'iroa." [16]Fa ankehitriny ianareo dia mirehareha amin'ireo tetika mieboebo. Ny fireharehana rehetra tahak'izany dia ratsy. [17]Ka ho an'izay rehetra mahalala manao ny tsara nefa tsy manao izany, dia heloka ho azy izany.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

5 [1]Avia, ianareo izay manan-karena, mitomania sy midradradradrà noho ireo fahoriana tonga aminareo. [2]Ny harenareo efa lo, ary ny fitafianareo efa lanin'ny kalalao. [3]Ny volamenanareo sy ny volafotsinareo dia efa harafesina. Ny harafesiny dia ho vavolombelona hiampanga anareo. Handoro ny nofonareo tahaka ny afo izany. Notehirizinareo ny harenareo ho amin'ny ireo andro farany.
[4]Indro, ny karaman'ireo mpiasa dia mitaraina _ny karama izay nohazoninareo tsy ho an'ireo izay nampamokatra ny sahanareo, ary ireo fitarainan'ny mpijinja dia efa tonga any an'tsofin'ny Tompon'ny maro. [5]Niaina tamin'ny harena teto an-tany ianareo ary nanara-po tamin'ny tenanareo. Natavezinareo ny fonareo ho an'ny andro famonoana. [6]Nanameloka sy namono ny olo-marina ianareo. Tsy nanohitra anareo izy.
[7]Koa mahareta, ry rahalahy, mandra-piavin'ny Tompo. indro, ny mpamboly miandry ny vokatra sarobidy avy amin'ny tany. Miandry amim-paharetana izany izy, mandra-pahazoan'izany ny voaloha sy ny fara-orana. [8]Ianareo, ihany koa, mahàreta. Hatanjaho ny fonareo, satria efa akaiky ny fiavian'ny Tompo.
[9]Aza mifampitaraina, ry rahalahy, mba tsy ho tsaraina ianareo. Indro, ny mpitsara mijoro eo am-baravarana. [10]Makà ohatra, ry rahalahy, avy amin'ny fijaliana sy faharetan'ireo mpaminany, ireo izay niteny tamin'ny anaran'ny Tompo.
[11]Indro, ataontsika toy ny sambatra ireo izay efa niharitra. Efa renareo ny fiaretan'i Joba, ary fantatrareo ny tanjon'ny Tompo, ny maha-feno fangorahana sy famindram-po Azy.
[12]Fa ambonin'ny rehetra, ry rahalahiko, aza mianiana, na amin'ny lanitra na amin'ny tany, na amin'ny fianianana hafa. Fa kosa, aoka ny teninareo hoe: "Eny" ho "Eny" ary ny "Tsia" ho "Tsia," mba tsy hiditra amin'ny fitsarana ianareo.
[13]Misy olona va eo aminareo mijaly amin'ny ady sarotra? Aoka izy hivavaka. Misy olona faly ve? Aoka izy hihira fiderana.
[14]Misy marary va eo anivonareo? Aoka izy hiantso ny loholon'ny fiangonana, ary aoka izy ireo hivavaka ho azy. Aoka izy ireo hanosotra menaka azy amin'ny anaran'ny Tompo. [15]Ny fivavaky ny finoana no hanasitrana ilay olona marary, ary ny Tompo hanangana azy. Raha nanota izy, dia hamela azy Andriamanitra.
[16]Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana ianareo. Ny vavaka ataon'ny olo-marina dia tena matanjaka amin'ny fiasany. [17]Elia dia lehilahy nitovy tamintsika ihany. Nivavaka mafy izy mba tsy hilatsahan'ny ranon'orana, ary tsy nilatsaka tamin'ny tany nandritra ny telo taona sy enim-bolana izany. [18]Avy eo nivavaka indray Elia. Ny lanitra dia nanome ranon'orana, ary ny tany namoa ny vokany.
[19]Ry rahalahiko, raha misy eo aminareo miala amin'ny fahamarinana, ary misy anankiray mampiverina azy, [20]dia tokony ho fantatr'io olona io fa na iza na iza manala ny mpanota iray amin'ny lalan-diso dia hamonjy azy amin'ny fahafatesana, ary hanarona fahotana marobe.

1 Petera

1 [1]Petera, apostolin'i Jesosy Kristy, ho an'ireo zanaka am-pielezana, ireo izay voafidy, manerana an'i Ponto, Galatia, Kapadokia, Asia, ary Bitynia. [2]Izany dia araka ny fantatr'Andriamanitra Ray mialoha, voatokan'ny Fanahy ho fankatoavana sy ho famafazana ny ràn'i Jesosy Kristy. Ho aminareo anie ny fahasoavana, ary hitombo anie ny fiadananareo.
[3]Ho tahiana anie Andriamanitra sy Rain'i Jesosy Kristy Tompotsika. Tamin'ny famindram-pony, no nanomezany antsika fahaterahana vaovao ho an'ny fahatokisan'ny lova. Izany lova izany dia tamin'ny alalan'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty. [4]Izany dia ho an'ny lova izay tsy ho faty, tsy ho simba, ary tsy ho levona. Izany dia voatokana ho anareo any an-danitra. [5]Ianareo dia arovan'ny herin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana, ho an'ny famonjena izay efa vonona ho ambara amin'ny fotoana farany.
[6]Tena ravoravo momba izany ianareo, na dia ilainareo aza ny hahatsiaro malahelo amin'ny olana maro samy hafa ankehitriny. [7]Izany dia ho an'ny fanaporofoana ny finoanareo, izay sarobidy kokoa noho ny volamena izay simba, na dia nosedraina tamin'ny afo aza. Miseho izany mba ho hita ny vokatry ny finoanareo amin'ny fiderana, voninahitra, ary haja amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy.
[8]Tsy nahita Azy ianareo, nefa tia Azy. Tsy mahita azy ianareo ankehitriny, kanefa mino Azy ary tena faly amin'ny fifaliana tsy hay lazaina, mahafinaritra. [9]Raisinareo ankehitriny ny vokatry ny finoanareo, dia ny famonjena ny fanahinareo. [10]Ireo mpaminany dia nikaroka sy nanontany tsara ny momba izany famonjena izany, ny momba ny fahasoavana izay ho anareo.
[11]Izy ireo dia nitady ny hahafantatra ny momban'ny hoe iza sy oviana ny Fanahin'i Kristy ao amin'izy ireo no niteny tamin'izy ireo. Izany dia nitranga toy ny nolazainy azy ireo mialoha momba ireo fijalian'i Kristy sy ny voninahitra manaraka izany. [12]Nambara tamin'izy ireo izany mba tsy hanompo ny tenany izy ireo, fa ianareo, rehefa niteny ireo zavatra izay voalaza taminareo ankehitriny izy ireo tamin'ny alalan'ireo izay nitory ny filazantsara taminareo tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina nalefa avy any an-danitra--zavatra izay tian'ireo anjely ho fantatra.
[13]Noho izany homano ny sainareo. Mahonona tena. Mametraha fitokiana amin'ny fahasoavana izay ho entina eo aminareo amin'ny hisehoan'i Jesosy Kristy. [14]Amin'ny maha-zanaka mpankàto, aza mampifanaraka ny tenanareo amin'ireo faniriana izay narahinareo tamin'ny mbola tsy nahalala ianareo.
[15]Fa tahaka ilay iray izay niantso anareo hoe masina, ianareo, ihany koa, aoka ho masina amin'ny fitondran-tenanareo manontolo. [16]Fa voasoratra hoe: "Aoka ho masina, satria masina Aho." [17]Ka raha miantso ilay iray izay mitsara tsy misy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

fanavakavahana araka ny asan'olona tsirairay avy hoe: "Ray" ianareo, dia handany ny fotoan'andronareo amin'ny fanehoana fanajana.
[18]Fantatrareo fa tsy avy tamin'ny volafotsy na volamena mety levona no nanavotana anareo tamin'ny fitondran-tena adala izay nianaranareo tamin'ireo razanareo. [19]Fa kosa, navotana tamin'ny rà sarobidin'i Kristy ianareo, izay toy ny zanak'ondry tsy misy kilema na tsiny.
[20]Voafidy talohan'ny nananganana an'izao tontolo izao Kristy, fa ankehitriny dia tamin'ireo fotoana farany no nanambaràna Azy taminareo. [21]Amin'ny alalany no hinoanareo an'Andriamanitra, izay nanangana azy tamin'ny maty sy tamin'ireo nomeny voninahitra mba ho ao amin'Andriamanitra ny finoana sy fahatokianareo.
[22]Nanadio ny fanahinareo tamin'ny fankatoavana ny fahamarinana ianareo. Izany dia ho an'ny fitiavana ara-pirahalahiana madio; noho izany mifankatiava fatratra amin'ny fo.[1] [23]Nateraka indray ianareo, tsy avy amin'ny voa mety maty, fa avy amin'ny voa tsy mety maty, amin'ny alalan'ny tenin'Andriamanitra velona sy mitoetra.
[24]Fa "ny nofo rehetra dia toy ny ahitra, ary ny voninahiny rehetra dia toy ny voninkazon'ny ahitra. Maina ny ahitra, ary malazo ny voninkazo, [25]fa ny tenin'ny Tompo dia mitoetra mandrakizay." Izany ny vaovao mahafaly izay nambara taminareo.

---

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia mivaky hoe: "Nanadio ny fanahinareo tamin'ny fankatoavana ny fahamarinana tamin'ny alalan'ny Fanahy ianareo"

---

2 [1]Noho izany ario ny ratsy rehetra, ny fahadisoam-panantenana rehetra, ny fihatsaram-belatsihy, ny faniriana, ary ny fanendrikendrehana rehetra. [2]Tahaka ny zaza vao teraka, maniry ronono ara-panahy madio, mba hahafahanareo mitombo ao amin'ny famonjena amin'ny alalan'izany, [3]raha nahatsapa ianareo fa tsara fanahy ny Tompo.
[4]Manatona azy ilay vato velona izay narian'ny olona, fa voafidin'Andriamanitra ho manan-danja Aminy. [5]Ianareo ihany koa dia tahaka ireo vato velona izay voaorina ho trano ara-panahy, mba ho mpisorona masina izay manolotra ny sorona ara-panahy eken'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.
[6]Ny Soratra Masina dia ahitana izao: "Indro, Izaho mipetraka amin'ny Ziona vato fehizoro, voafidy sy manan-danja. Izay rehetra mino azy dia tsy ho menatra."
[7]Ny voninahitra noho izany dia ho anao izay mino. Kanefa, "ny vato narian'ireo mpanori-trano, izany dia tonga lohan'ny fehizoro"- [8]ary, vato mahatafintohina sy vatolampy mahalavo. Tafintohina izy ireo, tsy nankàto ny teny, izay voatokana ho azy ireo ihany koa.
[9]Fa ianao dia olom-boafidy, mpisoron'ny mpanjaka, firenena masina, olona ho an'ny fananan'Andriamanitra, mba ho afaka hanambara ny hatsaran'ireo asan'ilay iray izay niantso anao avy tao amin'ny haizina hankao amin'ny hazavany mahatalanjona ianao. [10]Taloha ianao tsy olona, kanefa ankehitriny ianao dia olon'Andriamanitra. Tsy nandray famindram-po ianao, fa ankehitriny ianao nandray famindram-po.
[11]Ry malala, miantso anareo toy ny vahiny sy mpirenireny aho mba hifady ny filàn'ny nofo, izay mahatonga ady manohitra ny fanahinareo. [12]Tokony manana fitondran-tena tsara ianareo eo amin'ireo Jentilisa, mba ho, raha miresaka momba anareo ho nanao zavatra ratsy izy ireo, dia tokony hahita ireo asa tsaranareo sy hankalaza an'Andriamanitra amin'ny andro izay hahatongavany.
[13]Ankatoavy ny fahefan'ny olombelona rehetra noho ny amin'ny Tompo. Ankatoavy toy ny ambony indrindra ny mpanjaka, [14]sy ireo governora ihany koa, izay nalefa mba hanasazy ireo mpanao ratsy sy hankalaza ireo izay manao ny tsara. [15]Fa izany no sitrapon' Andriamanitra, amin'ny fanaovana ny tsara anareo dia mampangina ny resaka tsy mahalala fomban'ny olona adala. [16]Tahakan'ny maha-olon'afaka, aza ampiasaina ho toy ny fanaronana fahalemena ny fahafahanao, fa aoka ho toy ny mpanompon'Andriamanitra. [17]Omeo voninahitra ny olon-drehetra. Tiavo ny firahalahiana. Mahatahora an'Andriamanitra. Omeo voninahitra ny mpanjaka.
[18]Ry mpanompo, meteza hanaiky ny tomponareo amin'ny fanajana rehetra. Aza manaiky ho mpanompon'ny tsara sy ho tompo tsara fanahy, fa ho an'ireo ratsy toetra ihany koa. [19]Satria mendri-piderana izany raha misy miaritra fanaintainana rehefa mijaly amin'ny tsy rariny noho ny fanantenany an'Andriamanitra. [20]Fa ohatrinona ny vola raha manota ianao ary miaritra mandritry ny fanasaziana anao avy eo? Fa raha nanao ny tsara ianao ary miaritra mandritry ny fanasaziana anao, dia mendri-piderana amin'Andriamanitra izany.
[21]Fa noho ity no niantsoana anao, satria Kristy ihany koa dia nijaly ho anao. Namela ohatra ho anao Izy mba hanarahana ireo lalany. [22]Tsy nanota Izy, na hoe nisy fitaka teo am-bavany. [23]Rehefa notenenana ratsy Izy, dia tsy mba namaly ratsy. Rehefa nijaly Izy, dia tsy nandrahona, fa nanolotra ny tenany tamin'ilay iray izay Mpitsara ampahamarinana.
[24]Izy tenany dia nitondra ireo fahotantsika tao amin'ny tenany ho eo ambony hazo, mba tsy hanana anjara amin'ny fahotana intsony isika, ary mba hiaina ho an'ny fahamarinana. Tamin'ny alalan'ny ratrany no nahasitrana anareo.
[25]Nirenireny toy ny ondry very ianareo rehetra, fa ankehitriny ianareo niverina tamin'ny mpiandry ondry sy mpiambina ny fanahinareo.

3 [1]Amin'izany fomba izany, Ianareo vehivavy dia tokony hanaiky ny vadinareo. Ataovy izany na dia misy lehilahy maro aza tsy mankatoa ny teny, ary mety ho azo izy ireo na tsy misy aza ny teny, amin'ny alalan'ny fitondran-tenan'ny vadin'izy ireo. [2]Fa izy ireo dia hahita ny fitondran-tena mendrikareo am-panajana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[3]Aoka izany ho tanteraka tsy miaraka amin'ireo haingo ivelany: randram-bolo, firavaka volamena, na akanjo lamaody. [4]Fa kosa, aoka izany ho tanteraka miaraka amin'izay ao am-pon'ny olona, sy ny hatsarana maharitran'ny fanahy tsara sy mangina, izay sarobidy eo anatrehan'Andriamanitra.
[5]Fa ireo vehivavy masina taloha no nandravaka ny tenan'izy ireo toy izany. Nanana fahatokiana an'Andriamanitra izy ireo ary nanaiky ny vadiny avy. [6]Toy izany fomba izany no nankatoavan'i Abrahama an'i Saraha sy niantsoany azy ho tompony. Ianareo dia zanany ankehitriny raha manao izay tsara sy tsy matahotra olana ianareo.
[7]Toy izany ihany, ianareo lehilahy dia tokony miaina miaraka amin'ny vadinareo araky ny fahazavan-tsaina, toy ny fanaka malemy kokoa, ny vehivavy. Tokony omenareo voninahitra izy ireo tahaka ny mpiara-mandova ny fanomezan'ny fiainana. Ataovy izany mba tsy ho voasakana ny vavakareo.
[8]Farany, ianareo rehetra, aoka hiray saina, hangoraka, hifankatia tahaka ny mpirahalahy, ho tso-po, ary hanetri-tena. [9]Aza mamaly ratsy ny ratsy na manevateva ny mpanevateva. Mifanohitra amin'izay aza, mitahia hatrany, fa noho izany no niantsoana anareo, mba hahafahanareo mandova ny fitahiana.
[10]"Ilay iray izay te hankafy ny fiainana sy te hahita andro tsara dia tokony hanatsahatra ny lelany amin'ny ratsy sy ny molony amin'ny fitenenana fitaka. [11]Aoka izy hiala amin'ny atao hoe ratsy ary hanao izay tsara. Aoka izy hitady fiadanana sy hitaky izany. [12]Ny mason'ny Tompo mahita ny marina, ary ny sofiny mandre ireo fangatahan'izy ireo. Fa ny tavan'ny Tompo dia manohitra ireo izay manao ratsy."
[13]Iza ilay iray izay hamely anareo raha maniry ny hanao ny tsara ianareo? [14]Nefa raha mijaly nohon'ny fahamarinana ianareo, dia sambatra. Aza matahotra izay hatahoran'izy ireo. Aza mangorohoro.
[15]Fa kosa, atokano toy ny masina ao am-ponareo ilay Tompo Kristy. Mivonona hatrany hamaly ny olona rehetra izay manontany anareo ny antony hatokinareo an'Andriamanitra. Ataovy amin'ny halemem-panahy sy fanajana izany.
[16]Manàna feon'ny fieritreretana madio mba ny olona izay manevateva ny fiainana tsaranareo ao amin'i Kristy dia mety menatra satria miteny manohitra anareo izy ireo toy ny hoe mpanao ratsy ianareo. [17]Tsara kokoa, raha Andriamanitra no maniry, fa mijaly ianareo amin'ny fanaovana ny tsara nohon'ny fanaovana ny ratsy.
[18]Efa nijaly nohon'ny fahotana ihany koa i Kristy. Izy izay marina dia nijaly ho antsika, izay tsy marina, mba hitondrany antsika eo amin'Andriamanitra. Novonoina tamin'ny nofo Izy, fa novelomin'ny Fanahy. [19]Tamin'ny alalan'ny Fanahy, dia nandeha izy ary nitory ho an'ireo fanahy izay any am-ponja ankehitriny. [20]Tsy nankatoa izy ireo rehefa niandry ny faharetan'Andriamanitra tamin'ny andron'i Noa, tamin'ny andronn'ny fananganana sambofiara, ary Andriamanitra namonjy olona vitsy _ fanahy valo _ tamin'ny rano.
[21]Izany no famantarana ny batisa izay mamonjy anareo ankehitriny_tsy toy ny fanadiovana ny loto amin'ny vatana, fa toy ny antson'ny feon'ny fieritreretana ho amin'Andriamanitra_tamin'ny alalan'ny fitsangan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty.
[22]Kristy dia eo an-tanana ankavanan'Andriamanitra. Niakatra any an-danitra izy. Ireo anjely, ireo manam-pahefana, ary ny hery dia tsy maintsy manaiky Azy.

4 [1]Noho izany, satria nijaly tamin'ny nofo i Kristy, dia ataovy fiadian'ny tenanareo izany tanjona izany. Fa izay rehetra nijaly tamin'ny nofo dia nitsahatra tamin'ny fahotana. [2]Vokatr'izany, ny olona toy izany, mandritra ny fotoana sisa hiainany, dia tsy hiaina ho an'ny fanirian'ny olona intsony, fa ho an'ny sitrapon'Andriamanitra.
[3]Fa ampy izay ny fotoana lasa nanaovana izay tian'ny Jentilisa atao- hafalian'ny nofo, fijejojejoana, fimamoana, fitondran-tena mahamenatra, filalaovan-dratsy, ary ireo asan'ny fanompoan-tsampy maharikoriko. [4]Heverin'izy ireo fa hafahafa satria tsy mikambana amin'izy ireo ao amin'izany fanaranam-po be izany ianareo, noho izany dia hiteny ratsy momba anareo izy ireo. [5]Hamaly ny iray izay vonona hitsara ny velona sy ny maty izy ireo. [6]Noho izany antony izany no nitoriana ny vaovao mahafaly tamin'ireo maty ihany koa, mba, na dia notsaraina tamin'ny nofo toy ny olona aza izy ireo, dia hiaina toa an'Andriamanitra ao amin'ny fanahy.
[7]Manakaiky ny faran'ny zavatra rehetra. Noho izany tongava saina, ary mahonona tena amin'ny eritreritrareo ho an'ny fitiavam-bavaka. [8]Ambonin'ny zavatra rehetra, manàna fitiavana feno ho an'ny tsirairay avy, fa ny fitiavana mandrakotra fahotana maro. [9]Mifampiantranoa tsy am-pitarainana.
[10]Fa ny tsirairay aminareo dia nandray fanomezam-pahasoavana, ampiasao hifanompoana izany. Manaova izany toy ny mpitan-draharahan'ny fanomezam-pahasoavana maro maimaimpoana an'Andriamanitra. [11]Raha misy miteny, aoka izy hanao izany toy ny iray miteny ny tenin'Andriamanitra. Raha misy manompo, aoka izany ho avy amin'ny hery izay vatsian'Andriamanitra. Manaova ireo zavatra ireo mba homem-boninahitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy amin'ny fomba rehetra Andriamanitra. Aoka ho an'i Jesosy Kristy ny voninahitra sy hery mandrakizay doria. Amena.
[12]Ry malala, aza raisina ho hafahafa ny fitsapana amin'ny afo izay nitranga taminareo, toy ny hoe nisy zavatra hafahafa nitranga taminareo. [13]Fa kosa, na dia betsaka aza ny hiainanareo ireo fijalian'i Kristy, mifalia, mba ho afaka hifaly ihany koa ianareo ary ho ravoravo amin'ny fanambarana ny voninahiny. [14]Raha notevatevaina noho ny anaran'i Kristy ianareo, dia voatahy, satria ny Fanahin'ny voninahitra sy ny Fanahin'Andriamanitra dia mitoetra ao aminareo.
[15]Fa aoka tsy hisy na iza na iza aminareo hijaly toy ny mpamono olona, mpangalatra, mpanao ratsy, na mpiraharaha ny an'ny hafa. [16]Fa raha misy mijaly fa Kristiana, aoka izy tsy ho menatra; fa kosa, aoka hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'izany anarana izany izy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[17]Fa fotoana izao hanombohana ny fitsarana miaraka amin'ny ankohonan'Andriamanitra. Raha manomboka amintsika izany, inona no ho vokatra ho an'ireo izay tsy mankàto ny filazantsaran'Andriamanitra? [18]Ary raha "ny olo-marina aza ila tsy ho voavonjy, amin'ny fomba ahoana no hisehoan'ny olona tsy an'Andriamanitra sy ny mpanota?" [19]Noho izany aoka ireo izay mijaly noho ny sitrapon'Andriamanitra hanankina ny fanahin'izy ireo amin'ny Mpamorona mahatoky amin'ny fanaovan-tsoa.

5 [1]Mananatra ireo loholona aminareo aho, izaho, izay loholona namana. Izaho ihany koa dia vavolombelon'ireo fijalian'i Kristy, ary ihany koa mpikambana ao amin'ny voninahitra izay efa haseho. [2]Noho izany, mananatra anareo aho, ry loholona, andraso ny ondrin' Andriamanitra izay eo aminareo. Araho maso izy ireny, tsy amin'ny fahateriterena, fa amin'ny sitraponareo, araka ny sitrapon' Andriamanitra. Araho maso izy ireny, tsy amin'ny vola maloto, fa an-tsitrapo.
[3]Aza manjakazaka amin'ny olona izay tandremanareo. Fa kosa, aoka ho fitaratra ho an'ny ondry. [4]Ary rehefa miseho ilay Lohan'ny mpiandry ondry, dia hahazo satro-boninahitra tsy mety simba ianareo.
[5]Tahaka izany koa, ianareo tanora fanahy, maneke ny olon-dehibe. Ianareo rehetra, tafio fanetren-tena ny tenanareo ary mifanompoa. Fa Andriamanitra manohitra ny mpirehareha, fa manome fahasoavana ny mpanetry tena.[6]Noho izany manetre tena eo ambanin'ny tana-maherin'Andriamanitra mba hanandratany anareo amin'izany fotoana izany.
[7]Apetraho eo aminy ny fanahianareo rehetra, satria Izy no miahy anareo.
[8]Mahonona tena, miambena. Ny fahavalonareo, dia ny devoly, miodidinana tahaka ny liona mierona, mitady izay olona ho arapany. [9]Manohera azy. Miorena amin'ny finoanareo. Fantatrareo fa izany fahoriana izany dia manjo ny firaisan'ireo mpino manerana an'izao tontolo izao ihany koa.
[10]Rehefa avy nijaly nandritra ny fotoana fohy ianareo, ny Andriamanitry ny fahasoavana rehetra, izay niantso anareo ho amin'ny voninahiny mandrakizay ao amin'i Kristy, dia hahatanteraka anareo, hanangana anareo, ary hampahery anareo.
[11]Ho Azy anie ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena
[12]Raisiko toy ny rahalahy mahatoky i Silasy, ary nanoratra teny fohifohy ho anareo tamin'ny alalany aho. Mananatra anareo aho ary manambara anareo fa izay nosoratako dia fahasoavana marin'Andriamanitra. Mijoroa amin'izany. [13]Ny vehivavy izay any Babylona, izay voafidy niaraka taminareo, manao veloma anareo. Ary koa i Marka, zanako lahy, manao veloma anareo. [14]Mifanaova veloma amin'ny fanoroham-pitiavana. Ho aminareo rehetra anie ny fiadanana izay ao amin'i Kristy.

2 Petera

1 [1]Simona Petera, mpanompo sy apostolin'i Jesosy Kristy, ho an'ireo izay nahazo ny finoana sarobidy tahaka izay noraisinay, finoana ao amin'ny fahamarinan'ny Andriamanitsika sy Jesosy Kristry Mpamonjy. [2]Hampitomboina anie ny fahasoavana sy fiadanana nohon'ny fahalalana an'Andriamanitra sy Jesosy Tompontsika.
[3]Ireo zavatra rehetra mahakasika ny herin' Andriamanitra ho an'ny fiainana sy toe-panahy dia nomena antsika tamin'ny alalan'ny fahalalana an'Andriamanitra, izay niantso antsika tamin'ny alalan'ny voninahiny sy ny fahatsarany manokana.
[4]Tamin'ny alalan'ireo, nomeny teny fikasana tsara sady lehibe indrindra isika, mba ho tonga mpizara amin'ny fomban'Andriamanitra ianareo, raha mitsoaka ny fahalotoana izay eto an-tany noho ireo filàn-dratsy.
[5]Noho izany, manaova ny tsara indrindra mba hanampiana fahatsarana amin'ny alalan'ny finoanareo, ary amin'ny alalan'ny fahatsaranareo, ny fahalalana. [6]Amin'ny alalan'ny fahalalanareo, manampia fahononam-po, ary amin'ny alalan'ny fahononam-ponareo, manampia fiaretana, ary amin'ny alalan'ny fiaretanareo, manampia toe-panahy. [7]Amin'ny alalan'ny toe-panahinareo, manampia fitiavana rahalahy, ary amin'ny alalan'ny fitiavana rahalahy, manampia fitiavana.
[8]Raha ao aminareo ireo ary mitombo ao aminareo, dia tsy tsy hamoa na tsy tsy hamokatra amin'ny fahalalana an'i Jesosy Kristy Tompontsika ianareo.[9]Fa na iza na iza tsy ampy ireo zavatra ireo dia tsy mahita afa-tsy izay akaiky; jamba izy. Nadinoiny ny fanadiovana azy tamin'ireo fahotany taloha.
[10]Noho izany, ry rahalahy, ataovy ny rehetra mba hahazoana antoka ny fiantsoana sy ny fifidianana anareo. Raha manao ireo zavatra ireo ianareo, dia tsy ho voafingana. [11]Amin'izay dia malalaka ho anareo ny fidirana ao amin'ny fanjakana mandrakizay izay an'ny Tompontsika sy Jesosy Kristy mpamonjy.
[12]Noho izany dia vonona foana aho hampatsiaro anareo ireo zavatra ireo, na dia fantatrareo aza ireo, ary na dia mantanjaka ao amin'ny marina aza ianareo ankehitriny. [13]Izaho mieritreritra fa rariny amiko ny mamoha anareo amin'ny fampahatsiahivana ireo zavatra ireo, raha mbola eto amin'ity trano-lay ity aho. [14]Satria fantatro fa tsy ho ela dia ho esoriko ny trano-laiko, tahaka izay nasehon'i Jesosy Kristy Tompontsika ahy. [15]Ary ho ataoko izay farany vitako mba hahatsiarovanareo mandrakariva ireo zavatra ireo rehefa lasa aho.
[16]Fa izahay dia tsy nanaraka angano tsara rafitra izay noforonona rehefa niresaka taminareo ny momban'ny hery sy ny nisehoan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Fa kosa, izahay dia vavolombelona nahita ny fiandrianany. [17]Fa Izy dia naharay laza amam-boninahitra avy tamin'Andriamanitra Ray rehefa nisy feo tonga teo Aminy tamin'ilay voninahitra lehibe indrindra hoe: "Ity no Zanako malalako, izay sitrako indrindra." [18]Nandre izany feo avy tany an-danitra izany izahay, rehefa niaraka taminy teny an- tendrombohitra masina.
[19]Isika dia manana ity teny faminaniana izay efa natao mafy orina ity. Tokony hitandrina izany tsara ianareo. Izany dia tahaka ny jiro mazava ao anaty haizina mandra-piavin'ny maraina sy ny kintan'ny maraina miposaka ao am-ponareo.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[20]Fantaro aloha izao, fa tsy misy faminaniana avy amin'ny famoahan-kevitry ny olona. [21]Fa tsy misy faminaniana avy tamin'ny sitrapon'ny olona. Fa kosa, notarihan'ny Fanahy Masina izy ireny mba hiteny izay notenenin'Andriamanitra.

2 [1]Ny mpaminany sandoka dia tonga teo amin'ny olona, ary ny mpampianatra sandoka ihany koa dia ho avy eo aminareo. Hitondra mangingina sain-diso mamotika izy ireo, ary handà ny Tompo izay nividy azy ireo. Izy ireo dia mitondra fahapotehana faingana amin'izy ireo. [2]Maro no hanaraka ny fijejojejoan'izy ireo, ary amin'ny alalan'ireny no hitenenan-dratsy ny lalan'ny fahamarinana. [3]Amin'ny fieremana no hanararaotany anareo miaraka amin'ny teny mamitaka. Tsy ho ela ny fanamelohana an'izy ireny; tsy matory ny fahapotehan'izy ireny.
[4]Fa Andriamanitra tsy namindra fo ireo anjely izay nanota. Fa kosa natolony ho amin'ny vilany tany izy ireo mba ho voatazona amin'ny gadran'ny fahamaizinana mandra-pihavin'ny fitsaràna.[1] [5]Ary ihany koa, tsy namela izao tontolo izao taloha Izy. Fa kosa, namonjy an'i Noah, izay mpitory ny fahamarinana, miaraka amin'ny fito hafa, rehefa nitondra ny safo-drano tamin'ny ratsy fanahy teto amin'izao tontolo izao izy. [6]Andriamanitra ihany koa dia nanao ireo tanànan'i Sodoma sy Gomora ho lavenona ary nanameloka azy ireo ho amin'ny fahapotehana, ho toy ny ohatra amin'izay hitranga amin'ny ratsy fanahy.
[7]Fa i Lota marina, izay nampahoriana tamin'ny fitondran-tenan'ireo olona tsy ara-dalàna tamin'ny fijejojejoana, dia novonjen'Andiamanitra. [8]Fa izany lehilahy marina izany, izay niaina niaraka tamin'izy ireo isan'andro, dia fadiranovana tamin'ny fanahin'ny fahamarinany noho izay hitany sy reny. [9]Fantatry ny Tompo ny fomba hamonjena ireo olona tsara fanahy amin'ireo fitsapana, sy ny fomba hitazomana ireo olona tsy marina ho amin'ny famaizana amin'ny andron'ny fitsaràna.
[10]Marina indrindra izany ho an'ireo izay manohy amin'ny faniriana ratsin'ny nofo sy manao tsinontsinona ny fahefana. Sahy sy mitompo teny fatratra izy ireo. Izy ireo dia tsy matahotra hiteny ratsy ireo be voninahitra. [11]Ireo anjely dia manana hery sy fahefana lehibe, fa izy ireo dia tsy mitondra fitsaràna maniratsira manohitra azy ireo amin'ny Tompo.
[12]Fa ireo biby tsy manan-tsaina ireo dia natao ho samborina sy potehina. Tsy fantatr'izy ireo izay tsiratsirain'izy ireo. Ho potika izy ireo. [13]Handray ny valisoan'ny zavatra ratsy nataony izy ireo. Mieritrertra izy ireo fa ny tsy fiafiana mandritry ny andro dia fahafinaretana. Izy ireo dia be pentipentina sy tsiny. Mahafinaritra azy ireo ny asa famitahan'izy ireo rehefa mihinana miaraka aminareo.[2] [14]Adalam-behivavy mijangajanga izy ireo; tsy afa-po amin'ny fahotana mihitsy izy ireo. Mitarika fanahy tsy mety maty ho amin'ny fanaovan-dratsy izy ireo, ary manana fo voaofana amin'ny fitsiririritana izy ireo. Zanaky ny fanozonana izy ireny!
[15]Niala tamin'ny lala-mahitsy izy ireo. Lasa nivily izy ireo, ary nanaraka ny lalan'i Balama zanak'i Beora, izay tia ny tambin'ny tsy fahamarinana.[3] [16]Fa nahazo teny mafy izy nohon'ny fandikan-dalàny manokana. Nisy boriky moana niteny tamin'ny feon'olombelona nanajanona ny adalan'ilay mpaminany.
[17]Ireo olona ireo dia tahaka ny lohataona tsy misy orana. Toy ny rahona entin'ny tafio-drivotra izy ireo. Natokana ho azy ireo ny haizina matevina. [18]Miteny tsy am-piheverana izy ireo. Mitaona ny olona amin'ny alalan'ny filàn'ny nofo izy ireo. Izy ireo dia mitaona ny olona izay miezaka mandositra ireo izay miaina amin'ny fahadisoana. [19]Izy ireo dia mampanantena fahafahana ho azy ireo, kanefa izy tenany ary dia andevon'ny fahalotoana. Fa ny olona dia andevon'izay rehetra maharesy azy.
[20]Na iza na iza afaka amin'ireo fahalotoan'izao tontolo izao amin'ny alalan'ny fahalalana ny Tompo sy Jesosy kristy Mpamonjy, ary avy eo miverina amin'ireo fahalotoana indray, dia hanjary ratsy noho ilay toe-javatra voalohany ilay toe-javatra farany. [21]Tsara kokoa ho azy ireo ny tsy mahafantatra ny lalan'ny fahamarinana nohon'ny mahafantatra izany dia hivadika amin'ny didy masina natolotra azy ireo. [22]Marina ho azy ireo ity ohabolana ity hoe: "Ny amboa no miverina amin'ny loany. Ny kisoa efa nisasa miverina mihoso-potaka."

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha sasany dia mivaky toy izao: "Mba ho fatorana ao amin'ny lavaky ny fahamaizinana mandra-pihavin'ny fitsaràna."
[2]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Mahafinaritra azy ireo ny asan'izy ireo rehefa mihinana miaraka aminareo amin'ny sakafom-pifankatiavana."
[3]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Balama, zanak'i Bosora."

---

3 [1]Ankehitriny, ry malala, manoratra ho anareo ity taratasy faharoa ity aho ho fampatsiahivana entina hamporisihana ny sainareo madio, [2]mba hahatsiarovanao ireo teny nolazain'ny mpaminany masina tany taloha sy ny didin'ny Tompo sy Mpamonjy antsika izay nomen'ireo apostolinareo.
[3]Fantaro aloha izao, fa ny mpaniratsira dia ho avy amin'ny andro farany. Izy ireo dia haneso ary handeha araka ny filàn'izy ireo manokana. [4]Izy ireo dia hiteny hoe: "Aiza ny fampanantenana ny amin'ny fiverenany? Fa hatrizay nodian'ny razambe mandry, dia tsy niova ny zavatra rehetra, eny fa hatramin'ny fiantombohan'izao tontolo izao aza."
[5]Izy ireo dia minia manadino fa ny lanitra sy ny tany dia nisy avy tamin'ny rano ary tamin'ny alalan'ny rano, fotoana ela, [6]nohon'ny didin'Andriamanitra, ary tamin'ny alalan'ireo zavatra ireo, no nandravàna ny tontolo tamin'izany fotoana izany, tamin'ny tondra-drano. [7]Fa ankehitriny ny lanitra sy ny tany dia natokana ho an'ny afo amin'ny alalan'io didy io ihany. Izy ireo dia voatokana ho amin'ny andron'ny fitsarana sy ny fandringanana ny olona ratsy fanahy.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[8]Aoka tsy ho adinoinareo, ry malala, fa ny indray andro amin'ny Tompo dia toy ny arivo taona, ary ny arivo taona toy ny indray andro. [9]Ny Tompo dia tsy ela amin'ny fanatanterahana ireo fampanantenany, araka izay lazain'ny sasany ho fahelany. Fa kosa, Izy dia maharitra aminareo. Tsy tiany hisy ho very ianareo, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana ny rehetra.
[10]Na izany aza, ho avy toy ny mpangalatra ny andron'ny Tompo: Ny lanitra dia hanjavona miaraka amin'ny feo mafy. Ny zavatra rehetra dia ho main'ny afo, ary ny tany sy ireo asa ao aminy dia hambara.[1]
[11]Koa raha ho levona toy izany izao zavatra rehetra izao, dia tokony ho olona manao ahoana ianareo? Tokony hiaina amin'ny fahamasinana sy ny fiainana araka an'Andriamanitra ianareo. [12]Tokony hanantena ary hanafaingana ny fiavian'ny andron' Andriamanitra ianareo. Amin'izany andro izany, ny lanitra dia ho levon'ny afo, ary ny zavatra rehetra dia hiempo amin'ny hafanana be. [13]Fa araka ny fampanantenany, dia miandry ny lanitra vaovao sy tany vaovao isika, izay hitoeran'ny fahamarinana.
[14]Noho izany, ry malala, satria manantena izany zavatra izany ianareo, manaova ny tsara indrindra avy any aminareo mba tsy hisy pentina sy tsy hanan-tsiny eo anatrehany, am-piadanana. [15]Ary ihany koa, eritrereto ny faharetan'ny Tompontsika amin'ny famonjena, tahaka ny nosoratan'i Paoly rahalahy malalantsika taminareo, araka ny fahendrena izay nomena azy. [16]Paoly dia miresaka izany zavatra izany ao amin'ny taratasiny rehetra, izay misy zavatra sarotra takarina. Olona tsy misy fahalalana ary tsy miorina no manova ireny zavatra ireny, tahaka ny hanaovany ireo soratra masina hafa ihany koa, ka mahatonga fahaverezana ho an'ny tenany.
[17]Noho izany, ry malala, satria fantatrareo izany zavatra izany, dia tandremo ny tenanareo mba tsy ho voafandriky ny fitakin'ny olona ratsy fanahy ka ho very ny fahamarinanareo. [18]Fa mitomboa amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana ny Tompontsika sy Jesosy Kristy Mpamonjy antsika. Ho azy anie ny voninahitra ankehitriny ary mandrakizay. Amena!

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny sasany dia mivaky toy izao: "Ny zavatra rehetra dia ho main'ny afo, ary ny tany sy ireo asa ao aminy dia ho dorana avokoa."

1 Jaona

1 [1]Izay hatramin'ny fiandohana- izay efa renay, izay efa hitanay tamin'ireo masonay, izay efa nojerenay, ary izay efa nokasihan'ny tananay- izany dia momba ny Tenin'ny fiainana. [2]Toy izany ihany koa, ny fiainana dia nampahafantarina, ary efa hitanay izany, ka mijoro vavolombelona amin'izany izahay. Izahay dia manambara aminareo ny fiainana mandrakizay, izay tao amin'ny Ray, ary izay efa nampahafantarina anay.
[3]Izay efa hitanay sy renay dia ambaranay aminareo ihany koa, mba hananananareo fifandraisana aminay ihany koa. Ny fifandraisana misy eo aminay dia amin'ny Ray sy amin'ny Zanany, Jesosy Kristy. [4]Toy izany ihany koa, manoratra ireo zavatra ireo ho anareo izahay mba ho tanteraka ny fifaliantsika.[1]
[5]Izao no hafatra izay efa renay avy taminy ka ambaranay aminareo: Andriamanitra dia fahazavana, ary ao Aminy dia tsy misy haizina mihitsy. [6]Raha milaza isika fa manana fifandraisana Aminy ary mandeha ao anatin'ny haizina, dia mandainga isika ary tsy manao ny marina. [7]Kanefa raha mandeha ao amin'ny fahazavana isika tahaka Azy ao amin'ny fahazavana, dia manana fifandraisana amin'ny tsirairay avy isika, ary ny ràn'i Jesosy Zanany no manadio antsika amin'ny fahotana rehetra.
[8]Raha milaza isika fa tsy manam-pahotana, dia mamitaka ny tenantsika isika, ary ny fahamarinana dia tsy ao amintsika.
[9]Nefa raha miaiky ireo fahotantsika isika, Izy dia mahatoky sy marina amin'ny famelana ireo fahotantsika ary manadio antsika amin'ny tsy fahamarinana rehetra. [10]Raha milaza isika fa tsy mbola nanota, dia manao Azy ho mpandainga, ary tsy ao amintsika ny teniny.

[1]Fanamarihana: Ireo dikan-teny taloha sasany dia mivaky toy izao: "Ary manoratra ireo zavatra ireo izahay mba ho tanteraka ny fifalianareo."

2 [1]Anaka, manoratra ireto zavatra ireto aho mba tsy hanotanareo. Kanefa raha misy manota, dia manana mpisolo vava isika miaraka amin'ny Ray, Jesosy Kristy, ilay marina. [2]Izy no fanavotana an'ireo fahotantsika, ary tsy ny antsika ihany, fa ny an'izao tontolo izao iray manontolo ihany koa. [3]Amin'izany no ahafantarantsika fa mahafantatra Azy isika: raha mitandrina ireo didiny isika.
[4]Ilay miteny hoe: "Mahafantatra an'Andriamanitra aho", fa tsy mitandrina ireo didiny, dia mpandainga, ary ny marina dia tsy ao aminy. [5]Fa na iza na iza mitandrina ny teniny, marina tokoa, dia ao amin'izany olona izany no nanatanterahana ny fitiavan'Andriamanitra. Amin'izany no ahafantarantsika fa ao aminy isika. [6]Ilay iray izay miteny fa mitoetra ao amin'Andriamanitra dia tokony andeha ihany koa izy tahaka ny nandehanan'i Jesosy Kristy.
[7]Ry malala, tsy manoratra didy vaovao ho anareo aho, fa didy taloha izay efa nananareo hatramin'ny fiandohana. Ny didy taloha dia ny teny izay renareo. [8]Fa manoratra didy vaovao ho anareo aho, izay marina ao amin'i Kristy sy ao aminareo, satria ny haizina dia mandalo, fa ny fahazavana marina dia efa mamiratra.
[9]Ilay iray izay miteny fa ao amin'ny mazava izy ary mankahala ny rahalahiny dia ao anaty haizina hatramin'izao. [10]Ilay iray izay mitia ny rahalahiny dia mitoetra ao amin'ny mazava ary tsy hisy fotoana hanafintohinana azy. [11]Fa ilay iray izay mankahala ny rahalahiny ao amin'ny haizina dia mandeha ao amin'ny haizina; izy dia tsy mahafantatra izay alehany, satria ny haizina dia efa nahajamba ny masony.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[12]Manoratra ho anareo aho, ry zanaka malala, satria ireo fahotanareo dia voavela nohon'ny anarany. [13]Manoratra ho anareo aho, ry ray, satria fantatrareo ilay iray avy amin'ny fiandohana. Manoratra ho anareo aho, ry zatovo, satria noresenareo ilay ratsy. Efa nanoratra ho anareo aho, ry zaza madinika, satria ianareo dia mahafantatra ny Ray. [14]Efa nanoratra ho anareo aho, ry ray, satria fantatrareo ilay avy amin'ny fiandohana. Efa nanoratra ho anareo aho, ry zatovo, satria mafy ianareo, ary ny tenin'Andriamanitra dia mitoetra ao aminareo, ary ianareo dia efa nandresy ilay ratsy.
[15]Aza mitia na an'izao tontolo izao na ireo zavatra eo aminy. Raha misy mitia an'izao tontolo izao, dia tsy ao aminy ny fitiavan'ny Ray. [16]Fa ny zavatra rehetra izay ao amin'izao tontolo izao-dia ny filan'ny nofo, ny filan'ny maso, ary ny fieboebon'ny fiainana-izay tsy avy amin'ny Ray fa avy amin'izao tontolo izao. [17]Izao tontolo izao sy ny faniriany dia mandalo. Fa na iza na iza manao ny sitrapon'Andriamanitra dia hitoetra mandrakizay.
[18]Rankizy, ity no ora farany. Toy ny efa renareo fa ho avy ny antiKristy, ankehitriny maro ireo antiKristy izay efa tonga. Amin'izany no ahafantarantsika fa ity no ora farany. [19]Niala tamintsika izy ireo, kanefa tsy avy amintsika. Fa raha tamintsika izy ireo dia nitoetra niaraka tamintsika. Fa rehefa niala izy ireo, dia nampiseho fa tsy tamintsika.
[20]Fa manana fanosorana avy amin'ilay Iray Masina ianareo, ary fantatrareo rehetra ny marina.[1] [21]Tsy nanoratra ho anareo aho satria ianareo dia tsy mahalala ny marina, fa satria fantatrareo izany ary tsy misy lainga avy amin'ny marina.
[22]Iza no mpandainga fa tsy ilay iray izay mandà fa i Jesosy no Kristy? Izay olona izay dia ilay antiKristy, rehefa mandà ny Ray sy ny Zanaka izy. [23]Tsy misy olona izay mandà ny Zanaka ka hanana ny Ray. Na iza na iza manaiky ny Zanaka ihany koa dia manana ny Ray.
[24]Fa ho anareo, aoka izay renareo hatramin'ny fiandohana hitoetra ao aminareo. Raha izay renareo hatramin'ny fiandohana no mitoetra ao aminareo, dia hitoetra ao amin'ny Zanaka sy ao amin'ny Ray ihany koa ianareo. [25]Izany no fampanantenana nomeny antsika: dia ny fiainana mandrakizay. [26]Efa nanoratra izany zavatra izany ho anareo aho momban'ireo izay hitondra anareo amin'ny lalan-diso.
[27]Fa ho anareo, ilay hosotra izay noraisinareo avy taminy dia hitoetra ao aminareo, ary ianareo dia tsy mila olona mampianatra anareo. Fa toy izay nampianarin'ny fanosorana anareo ny zavatra rehetra dia marina ary tsy lainga, ary toy izay efa nampianarin'izany anareo, dia mitoera ao Aminy. [28]Ankehitriny, ry zanaka malala, mitoera ao aminy, mba rehefa miseho Izy, dia hanana fahasahiana isika ary tsy ho menatra eo anatrehany amin'ny fiaviany. [29]Raha fantatrareo fa izy no marina, fantatrareo fa izay rehetra manao ny mety dia teraka taminy.

---

[1]Fanamarihana: misy dikanteny hafa sasany vaovao izay mivaky hoe: "manana ny fahalalana rehetra ianareo." Ny dikanteny sasany taloha dia mivaky hoe: "ary fantatrareo ny zavatra rehetra."

---

3 [1]Indro toy ny inona ny fitiavana nomen'ny Ray antsika, mba hiantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra, ary izany isika. Noho izany antony izany, izao tontolo izao dia tsy mahafantatra antsika, satria tsy mahafantatra azy izany.[1] [2]Ry malala, zanak'Andriamanitra isika ankehitriny, ary izany dia mbola tsy nambara hoe ho toy ny inona isika. Isika dia mahafantatra fa rehefa miseho i Kristy, dia ho tahaka Azy isika, satria hahita Azy toa Azy isika. [3]Ny rehetra izay manana izany fahatokisana momba ny ho avy mifototra aminy izany dia manadio ny tenany mba hadio tahaka Azy.
[4]Izay rehetra manota dia manao izay tsy ara-dalàna; fa ny fahotana dia tsy ara-dalàna. [5]Ianareo dia mahafantatra fa i Kristy dia nambara mba hanala ireo fahotana, ary ao aminy dia tsy misy fahotana. [6]Tsy misy olona izay mitoetra ao aminy ka mbola hanota hatrany. Tsy misy olona mbola manota nahita azy na nahafantatra azy.
[7]Ry zanaka malala, aza avela hisy olona hamitaka anareo. Ilay iray izay manao ny fahamarinana dia marina, tahaka ny mahamarina an'i Kristy. [8]Ilay iray izay manota dia avy amin'ny devoly, fa ny devoly dia nanota hatrany am-piandohana. Noho izany antony izany ny Zanak'Andriamanitra dia naseho, mba hahafahany mamotika ireo asan'ny devoly.
[9]Na iza na iza naterak'Andriamanitra dia tsy hanohy ny fahotana satria ny voa avy tamin'Andriamanitra dia mitoetra ao aminy. Tsy afaka manohy ny fahotana izy satria naterak'Andriamanitra. [10]Ao amin'izany no hampisehoana ireo zanak'Andriamanitra sy ireo zanaky ny devoly. Na iza na iza tsy manao ny marina dia tsy avy amin'Andriamanitra; na ny iray izay tsy tia ny rahalahiny ihany koa aza.
[11]Fa izany no hafatra izay efa renareo hatrany am-piandohana: fa isika dia tokony mifankatia, [12]fa tsy toa an'i Kaina, izay avy amin'ilay ratsy sy namono ny rahalahiny. Fa nahoana izy no namono azy? Satria ireo asany dia ratsy, ary ny an'ny rahalahiny dia marina.
[13]Aza gaga, ry rahalahiko, raha mankahala anareo ny tany. [14]Fantatsika fa efa niala tamin'ny fahafatesana mankany amin'ny fiainana isika, satria tia an'ireo rahalahy isika. Izay tsy tia dia mitoetra any amin'ny fahafatesana. [15]Izay mankahala ny rahalahiny dia mpamono olona. Fantatrareo fa tsy misy mpamono olona manana fiainana mandrakizay mitoetra ao aminy.
[16]Amin'izany no hahafantarantsika ny fitiavana, satria Kristy nanolotra ny ainy ho antsika. Isika ihany koa dia tokony manolotra ny aintsika ho an'ireo rahalahy. [17]Fa na iza na iza manana ny haren'izao tontolo izao, ka mahita ny fahasahiranan'ny rahalahiny, ary manakatona ny fon'ny fangorahany azy, amin'ny fomba ahoana no itoeran'ny fitiavan'Andriamanitra ao aminy? [18]Ry zanako malalako, aoka isika tsy hitia amin'ny teny na koa amin'ny vava, fa amin'ny asa sy fahamarinana.
[19]Avy amin'izany no hahafantarantsika fa avy amin'ny fahamarinana isika, ary mampatoky ny fontsika eo anatrehany isika. [20]Fa raha manameloka antsika ny fontsika, Andriamanitra dia lehibe noho ny fontsika, ary mahafantatra ny zava-

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

drehetra Izy. [21]Ry malala, raha tsy manameloka antsika ny fontsika, dia manana fahatokisana amin'Andriamanitra isika.
[22]Na inona na inona angatahintsika dia ho azontsika avy aminy, satria isika mitandrina ireo didiny sy manao izay ankasitrahana eo anatrehany.
[23]Izao no didiny: tokony mino ny anaran'ny Zanany Jesosy Kristy ary mifankatia isika, tahaka ny efa nanomezany antsika izany didy izany. [24]Ny iray izay mitazona ireo didin'Andriamanitra dia mitoetra ao aminy, ary Andriamanitra mitoetra ao aminy. Amin'izany no hahafantarantsika fa izy dia mitoetra ao amintsika, amin'ny Fanahy izay nomeny antsika.

---

[1]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha dia tsy manisy hoe: "ary izany isika."

---

4 [1]Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra. Fa kosa, mitsapa ireo fanahy mba hahita fa avy amin'Andriamanitra izy ireo, satria mpaminany sandoka maro no efa niala tamin'izao tontolo izao. [2]Amin'izany no ahafantaranareo ny Fanahin'Andriamanitra-ny fanahy rehetra izay manaiky fa i Jesosy Kristy izay tonga nofo dia avy amin'Andriamanitra,
[3]ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky fa Jesosy dia tsy avy amin'Andriamanitra. Dia izany ny fanahin'ny antiKristy, izay efa renareo fa ho avy, ary ankehitriny dia efa eto an-tany.[1]
[4]Ianareo dia avy amin'Andriamanitra, ry zanaka malala, ary efa nandresy azy ireo, satria ilay iray izay ao aminareo dia lehibe mihaotra noho ilay iray izay eto amin'izao tontolo izao. [5]Izy ireo dia avy amin'izao tontolo izao; noho izany izay rehetra lazain'izy ireo dia avy amin'izao tontolo izao, ary izao tontolo izao dia mihaino an'izy ireo. [6]Avy amin'Andriamanitra isika. Izay mahafantatra ny Tompo dia maheno antsika. Izy izay tsy avy amin'Andriamanitra dia tsy maheno antsika. Amin'izany no ahafantarantsika ny fanahin'ny fahamarinana sy ny fanahin'ny fahadisoana.
[7]Ry malala, aoka isika hifankatia, fa ny fitiavana dia avy amin'Andriamanitra, ary izay rehetra mitia dia naterak'Andriamanitra sy mahafantatra an'Andriamanitra. [8]Ny olona izay tsy mitia dia tsy mahafantatra an'Andriamanitra, satria Andriamanitra dia fitiavana.
[9]Noho izany ny fitiavan'Andriamanitra dia nambara tamintsika, fa Andriamanitra dia nandefa ny Zanany lahitokana ho an'izao tontolo izao mba ho velona noho Izy isika. [10]Ao amin'izany fitiavana izany, tsy ny nitiavantsika an'Andriamanitra, fa ny nitiavany antsika, ary ny nandefasany ny Zanany lahy ho fanavotana ireo fahotantsika.
[11]Ry malala, raha tia loatra antsika Andriamanitra, dia tokony hifankatia ihany koa isika. [12]Tsy mbola nisy nahita an'Andriamanitra. Fa raha mifankatia isika, dia mitoetra ao amintsika Andriamanitra ary ny fitiavany dia tanteraka ao amintsika. [13]Amin'izany no ahafantarantsika fa mitoetra ao aminy isika ary izy ao amintsika, satria izy dia nanome antsika ny sasany amin'ny Fanahiny. [14]Ary ihany koa, efa nahita isika sy efa mijoro vavolombelona fa ny Ray dia efa nandefa ny Zanany lahy ho Mpamonjy an'izao tontolo izao.
[15]Na iza na iza manaiky fa Jesosy dia Zanaka lahin'Andriamanitra, dia mitoetra ao aminy Andriamanitra ary izy ao amin'Andriamanitra. [16]Isika ihany koa dia nahafantatra ary nino ny fitiavana izay efa nananan'Andriamanitra ho antsika. Andriamanitra dia fitiavana, ary ilay iray izay mitoetra amin'izany fitiavana izany dia mitoetra ao amin'Andriamanitra, ary Andriamanitra dia mitoetra ao aminy.
[17]Noho izany, izany fitiavana izany dia notanterahina tamintsika, mba hananantsika fahatokisana amin'ny andron'ny fitsarana, satria toa Azy, dia toy izany ihany koa isika eto amin'ity tany ity. [18]Tsy misy tahotra ao amin'ny fitiavana. Fa kosa, ny fitiavana tanteraka dia manala ny tahotra, satria ny tahotra dia tsy maintsy miaraka amin'ny sazy. Fa ilay iray izay matahotra dia tsy natao ho tanteraka ao amin'ny fitiavana.
[19]Mitia isika satria Andriamanitra nitia antsika voalohany. [20]Raha misy olona miteny hoe: "Tiako Andriamanitra" nefa mankahala ny rahalahany, dia mpandainga izy. Fa ilay iray izay tsy mitia ny rahalahany, izay hitany, dia tsy afaka ny hitia an'Andriamanitra, izay tsy hitany. [21]Ary, izany ihany koa no didy izay ananantsika avy aminy: Na iza na iza mitia an'Andriamanitra dia tsy maintsy mitia ny rahalahany ihany koa.

---

[1]Fanamarihana: misy dikan-teny taloha sasany dia mivaky hoe: "Ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky fa i Jesosy tonga nofo dia tsy avy amin'Andriamanitra. Izany dia fanahin'ny antiKristy, izay efa henonareo fa ho avy, ary ankehitriny dia efa eto an-tany.

---

5 [1]Na iza na iza mino fa i Jesosy no Kristy dia naterak'Andriamanitra, ary na iza na iza tia ny Ray ihany koa dia tia ny zanaka naterany. [2]Noho izany no ahafantarantsika fa tiantsika ireo zanak'Andriamanitra: rehefa tia an'Andriamanitra sy manatanteraka ireo didiny isika. [3]Satria izany no fitiavana ho an'Andriamanitra: dia ny hanatanterahantsika ireo didiny. Ary ireo didiny dia tsy mavesatra.
[4]Fa ny olona rehetra izay naterak'Andriamanitra dia mandresy an'izao tontolo izao. Ary izany dia fandresena izay efa nandresy an'izao tontolo izao: ny finoantsika. [5]Iza ilay iray izay mandresy an'izao tontolo izao? Ilay iray izay mino fa i Jesosy dia Zanak'Andriamanitra.
[6]Izany dia ilay Iray izay tonga tamin'ny rano sy rà: Jesosy Kristy. Izy dia tonga tsy tamin'ny rano ihany, fa tamin'ny rano sy rà. [7]Fa misy telo izay mijoro vavolombelona: [8]ny Fanahy, ny rano, ary ny rà. Ireo telo ireo dia mifanaraka.[1]
[9]Raha mandray ny fijoroana vavolombelon'ny olona isika, dia ho lehibe kokoa ny fijoroana vavolombelon'Andriamanitra. Fa ny fijoroana vavolombelon'Andriamanitra dia izao: izy dia mijoro vavolombelona mahakasika ny Zanany. [10]Na iza na iza mino ny Zanak'Andriamanitra dia manana fijoroana vavolombelona ao amin'izy tenany. Izay tsy mino

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

an'Andriamanitra dia manao Azy ho mpandainga, satria izy dia tsy nino ny fijoroana vavolombelona izay efa nomen'Andriamanitra mahakasika ny Zanany.
[11]Ary ny fijoroana vavolombelona dia izao: Andriamanitra dia nanome antsika fiainana mandrakizay, ary izany fiainana izany dia ao amin'ny Zanany. [12]Ilay iray izay manana ny Zanaka dia manana ny fiainana. Ny olona izay tsy manana ny Zanak'Andriamanira dia tsy manana fiainana.
[13]Efa nanoratra ireto zavatra ireto ho anareo aho mba hahafantaranareo fa manana ny fiainana mandrakizay ianareo- ho anareo izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra. [14]Toy izany ihany koa, izao no fifanekena izay ananantsika eo anatrehany, fa na inona na inona angatahantsika araka ny sitrapony, dia maheno antsika Izy. [15]Toy izany ihany koa, raha fantantsika fa mandre antsika Izy- na inona na inona angatahantsika Aminy-dia fantantsika fa azontsika izay rehetra nangatahantsika taminy.
[16]Raha misy olona iray mahita ny rahalahiny manao fahotana izay tsy miteraka fahafatesena, tsy maintsy mivavaka izy, ary Andriamanitra dia hanome fiainana ho azy. Izaho dia mampitaha ireo izay manana fahotana tsy miteraka fahafatesana. Misy fahotana izay miteraka fahafatesana; tsy miteny aho hoe tokony hivavaka amin'izany izy. [17]Ny tsy fahamarinana rehetra dia fahotana, nefa misy fahotana tsy miteraka fahafatesana.
[18]Fantantsika fa na iza na iza naterak'Andriamanitra dia tsy manota. Nefa ilay iray izay naterak'Andriamanitra dia miaro ny tenany, ary ny ratsy dia tsy afaka ny ahakasika azy. [19]Fantantsika fa avy amin'Andriamanitra isika, ary izao tontolo izao dia mitoetra ao amin'ny ratsy.
[20]Kanefa fantantsika fa ny Zanak'Andriamanitra dia efa tonga ary efa nanome antsika fahazavan-tsaina mba ahafantarantsika ilay iray izay tena marina. Toy izany ihany koa, isika dia ao amin'ilay iray izay marina, ao amin'i Jesosy Kristy Zanany. Izy no Andriamanitra marina ary fiainana mandrakizay. [21]Anaka, arovy amin'ireo sampy ny tenanareo.

---

[a]Fanamarihana: Ny dikan-teny taloha sasany dia mivaky toy izao: "Fa misy telo izay mijoro vavolombelona any an-danitra: ny Ray, sy ny Teny, ary ny Fanahy Masina; ary ireo telo ireo dia iray. Ary misy telo izay mijoro vavolombelona eto ambonin'ny tany: ny Fanahy, ny rano, ary ny rà; ary ireo telo ireo dia toy ny iray." Na izany aza, ireo dikan-teny tsara indrindra dia tsy mivaky toy izany.

---

2 Jaona

1 [1]Avy amin'ny loholona ka hatrany amin'ny vehivavy voafidy sy ireo zanany, izay tiako amin'ny fahamarinana - ary tsy izaho ihany, fa ireo rehetra izay nahafantatra ny marina ihany koa - [2]nohon'ny fahamarinana izay mitoetra ao anatintsika ary hiaraka amintsika mandrakizay. [3]Ho amintsika anie ny fahasoavana, ny famindram-po, ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy avy amin'i Jesosy Kristy, Zanaky ny Ray, amin'ny fahamarinana sy fitiavana.
[4]Faly indrindra aho satria nahita ny sasany amin'ireo zanakao mandeha amin'ny fahamarinana, toy ny nandraisantsika izany didy izany avy tamin'ny Ray. [5]Ary mangataka aminao aho, ravehivavy - tsy toy ny manoratra didy vaovao aminao aho, fa izay nananantsika hatramin'ny voalohany - dia ny tokony hifakatiavantsika samy isika. [6]Izao no fitiavana, dia ny mba handehanantsika araka ireo didiny. Izao no didy, araka ny renareo hatramin'ny voalohany, dia ny tokony handehananareo amin'izany.
[7]Fa maro ireo mpamitaka efa lasa any amin'izao tontolo izao, ary izy ireo dia tsy manaiky fa Jesosy Kristy dia tonga tamin'ny nofo. Izany no mpamitaka sy antikristy. [8]Jereo ny tenanareo, mba tsy hahavery ireo zavatra izay efa vitantsika rehetra, fa mba handraisanareo valim-pitia feno.
[9]Na iza na iza mandeha eo aloha ary tsy mitoetra ao amin'ny fampianaran'i Kristy dia tsy manana an'Andriamanitra. Ilay iray izay mitoetra ao amin'ny fampianarana, izany iray izany dia manana ny Ray sy ny Zanaka. [10]Raha misy olona tonga eo aminao ary tsy mitondra izany fampianarana izany, dia aza mandray azy ho ao an-tranonao ary aza miarahaba azy.
[11]Fa izay miarahaba azy dia miombona amin'ny ratsy ataony.
[12]Manana zavatra maro ho soratana aminareo aho, nefa aho tsy maniry hanoratra izany amin'ny taratasy sy ranomainty. Na izany aza, manantena ny ho tonga any aminareo aho ary hiresaka mivantana, mba ho tanteraka ny fifalianareo.
[13]Manao veloma anao ireo zanaky ny rahavavinao voafidy.

3 Jaona

1 [1]Izaho loholona mamangy an'i Galo malala, ilay tiako amin'ny fahamarinana. [2]Ry malala, mivavaka aho mba hambinina amin'ny zavatra rehetra ianao ary ho salama, toy ny hanambinana ny fanahinao. [3]Fa nifaly indrindra aho fony nisy rahalahy tonga ary nijoro vavolombelona tamin'ny fahamarinanao, tahaka ny andehananao amin'ny marina.
[4]Tsy manana hafaliana be noho ity aho, dia ny mandre fa mandeha amin'ny fahamarinana ireo zanako.
[5]Ry malala, manao asa mahatoky ianao na amin'ny inona na inona asa ataonao ho an'ireo rahalahy sy ireo vahiny, [6]izay nijoro vavolombelona ny fitiavanao teo anatrehan'ny fiangonana. Soa no ataonao raha alefanao mandeha amin'ny fomba mendrika an' Andriamanitra izy ireo, [7]satria nohon'ny anarana no nialany, tsy nitondra na inona na inona avy tamin'ireo Jentilisa. [8]Noho izany isika dia tokony handray ny tahaka izany, mba ho mpiara-miasa amin'ny fahamarinana isika.
[9]Nanoratra zavatra tamin'ny fiangonana aho, kanefa Diotrefa, ilay te-ho lohany amin'izy ireo, dia tsy nandray anay.
[10]Noho izany, raha tonga aho, dia ho tsaroako ireo asa izay nataony, ny fomba nilazany zavatra mahatsiravina manohitra anay miaraka amin'ny teny ratsy. Tsy afa-po tamin'ireo asa, dia tsy nandray ireo rahalahy izy. Nandrara ireo izay te-hanao toy izany izy ary nandroaka azy ireo hivoaka ny fiangonana.

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[11]Ry malala, aza maka tahaka izay ratsy fa izay tsara. Ilay iray izay manao ny tsara dia an'Andriamanitra; ilay iray izay manao ny ratsy dia tsy nahita an'Andriamanitra. [12]Ny rehetra sy ny fahamarinana dia vavolombelona manambara an'i Demetrio. Izahay ihany koa dia mijoro vavolombelona, ary fantatrao fa marina ny fanambaranay.
[13]Nanana zavatra betsaka ho soratana aminareo aho, fa tsy maniry hanoratra ireo aminareo amin'ny penina sy ranomainty aho. [14]Kanefa aho manantena hahita anareo tsy ho ela, ary hiresaka mivantana isika. [15]Ho aminareo anie ny fiadanana. Manao veloma anao ireo sakaiza aty. Veloma any amin'ireo sakaiza tsirairay araka ny anarany avy.

Joda

1 [1]Joda, mpanompon'i Jesosy Kristy iray, rahalahan'i Jakoba, ho an'ireo izay antsoina hoe, malala ao amin'Andriamanitra ilay Ray, sy voatahiry ho an'i Jesosy Kristy: [2]Hampitomboina ho aminareo anie ny famindram-po sy ny fiadanana ary ny fitiavana.
[3]Ry malala, raha iny nanao ny ezaka rehetra hanoratra ho anareo ny mahakasika ny famonjena hiombonantsika iny aho, dia nanoratra ho anareo aho mba hanosika anareo hiady mafy ho an'ilay finoana izay efa natolotra indray monja ho an'ireo mpino. [4]Fa ho an'ny olona sasany nisisika antsokosoko eo aminareo. Ireo dia olona voamarika ho an'ny fanamelohana. Ireo dia olona ratsy fanahy izay manevateva ny fahasoavan'Andriamanitra ho any amin'ny fijejojejoana, ary dia mandà ny Andriana sy ny Tompo tokantsika, Jesosy Kristy.
[5]Ankehitriny aho dia te hampahatsiaro anareo_na dia efa fantatrareo tanteraka ary izany_fa ny Tompo dia nanavotra ny olona avy tao amin'ny tany Egypta, fa taorian'izany dia naringany izay rehetra tsy nino. [6]Ary ireo anjely izay tsy nitana ny fahefana izay napetraka tamin'izy ireo, fa izay nandao ny fonenan'izy ireo_Andriamanitra dia namatotra azy ireo tamin'ny fatorana mandrakizay, ao amin'ny maizin-kitroka tanteraka, ho amin'ny andron'ny fitsarana lehibe.
[7]Tahaka an'i Sodoma sy Gomora sy ireo tanàna manodidina azy ireo, izay nanolotra ny tenan'izy ireo ho amin'ny fijangajangana sy ny fanaovana filana tsy ara-boajanahary. Dia natao ohatra amin'ireo izay mijaly amin'ny fanasaziana any amin'ny afo mandrakizay izy ireo. [8]Kanefa toy izany ihany, ireo mpanofinofy ireo dia mandoto ihany koa ny vatan'izy ireo, ary miteny zavatra ratsy manohitra ireo manam-boninahitra.
[9]Fa na dia Mikaela arikanjely aza, rehefa niady tamin'ny devoly sy nifanditra taminy ny amin'ny fatin'i Mosesy, dia tsy sahy niteny ratsy hanameloka azy. Fa hoy kosa izy: "Hananatra anao anie ny Tompo!" [10]Fa ireo olona ireo dia miteny ratsy ny zavatra rehetra tsy fantany. Ary izay fantany_tahaka ny fahalalan'ny biby tsy manan-tsaina_izany no manimba azy ireo. [11]Loza ho azy ireo! Fa raha nandeha tao amin'ny tanànan'i Kaina izy ireo, ary nanaraka ny fahadisoan'i Balama hahazoana tamby. Dia ringana tao amin'ny fikomian'i Kora izy ireo.
[12]Ireo dia ilay olona izay harambato miafina ao amin'ny sakafom-pitiavanareo. Mihinana am-pahamenarana, mamoky ny tenan'izy ireo ihany. Izy ireo dia rahona tsy misy rano, entin'ny rivotra. Hazo fararano tsy misy voany_ indroa maty, niala fakany. [13]Izy ireo dia onjan-dranomasina mahery, mitopatopa mamorivory ny fahamenaran'izy ireo. Kintana mirenireny izy ireo, ka voatahiry ho azy mandrakizay ny fahamaintisan'ny maizina.
[14]Ary Enoka, ilay faha fiton'i Adama, dia efa naminany momba ireo, niteny hoe: "Indro! Ho avy ny Tompo miaraka amin'ireo masiny aman'alinalina. [15]Ho avy Izy mba hanatanteraka ny fitsarana ny olona rehetra. Ho avy Izy hampiaiky ny olona ratsy fanahy rehetra tamin'ny asa vitany tamin'ny haratsiam-panahiny, ary ireo teny mafy rehetra izay nolazain'ny olona ratsy fanahy hanohitra Azy." [16]Ireo dia mpimonomonona, sy mpimenomenona, izay manaraka ny filan-dratsin'izy ireo. Izy ireo dia mpieboebo fatratra, izay, nohon'ny tombontsoan'izy ireo manokana, dia mandoka ny hafa.
[17]Fa ianareo, ry malala, tadidio ireo teny izay notenenin'ireo apostolin'i Jesosy Kristy Tompontsika fahiny. [18]Hoy izy ireo taminareo: "Fa amin'ny andro farany dia hisy mpaniratsira izay hanaraka ny filan'ny haratsiam-panahiny."[19]Ireo olona ireo dia mitarika fisarahana. Izy ireo dia olona araka ny nofo, ary tsy manana ny Fanahy
[20]Fa ianareo, ry malala, miorena tsara eo amin'ny finoanareo masina indrindra, ary mivavaha amin'ny Fanahy Masina.
[21]Mitoera ianareo ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra, ary andraso ny famindram-pon'i Jesosy Kritsy Tompontsika izay mitondra anao ho amin'ny fiainana mandrakizay.
[22]Mamindrà fo amin'ireo izay misalasala. [23]Vonjeo ary sariho hiala amin'ny afo ny olona sasany. Ary ny sasany indray amindrao fo amin-tahotra. Mankahalà na dia hatramin'ny akanjo nolotoin'ny nofo aza.
[24]Ary ho an'izay miaro anareo mba tsy ho tafintohina, ary hahatonga anao hijoro eo anatrehan'ny voninahiny, tsy misy tsiny ary am-pifaliana lehibe, [25]amin'Andriamanitra tokana Mpamonjintsika tamin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra, ny fahalehibiazana, ny fahefana, ny hery, talohan'ny fotoana rehetra, ankehitriny, ary mandrakizay. Amena

Apokalypsy

1 [1]Ity ny fanambarana an'i Jesosy Kristy izay nomen'Andriamanitra azy hampisehona an'ireo mpanompony ny zavatra tsy maintsy hitranga. Nampahafantariny izany tamin'ny alalan'ny fandefasany ny anjeliny ho an'i Jaona mpanompony.
[2]Jaona dia nanamarina ny momban'ny tenin'Andriamanitra sy ireo fijoroana vavolombelona mahakasika an'i Jesosy Kristy, sy ireo zavatra rehetra hitany. [3]Sambatra izy izay mamaky amin'ny feo avo, ary izay mihaino ny tenin'izany faminaniana izany, sy izay mitandrina izay voasoratra ao aminy, satria efa akaiky ny fotoana.
[4]Jaona nankany amin'ireo fiangonana fito tany Asia: Ho aminareo anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'ilay ankehitriny, sy taloha, ary ho avy, sy avy amin'ireo fanahy fito izay eo anatrehan'ny seza fiandrianany, [5]ary avy amin'i

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

Jesosy Kristy, izay vavolombelona marina, lahimatoa amin'ny maty, ary lehiben'ny mpanjakan'ny tany. Ho an'ilay tia
antsika sy nanafaka antsika tamin'ireo fahotantsika tamin'ny ràny— [6]Izy dia nanao antsika ho fanjakana, mpisorona ho
an'Andriamaniny sy Rainy— ho Azy anie ny voninahitra sy ny fahefana mandrakizay doria. Amena.
[7]Indro, avy amin'ny rahona Izy; ary ny maso rehetra hahita Azy, na dia ireo nandefona Azy aza. Ny firenena rehetra
ambonin'ny tany hitomany Azy. Eny, Amena. [8]"Izaho no Alfa sy Omega," hoy ny Tompo Andriamanitra, "ilay ankehitriny,
sy taloha, ary ho avy, dia ilay Tsitoha."[1]
[9]Izaho, Jaona—rahalahinareo sy ilay iray izay nizara taminareo tao anatin'ny fijaliana sy fanjakana ary ny faharetana ao
amin'i Jesosy Kristy— dia tao amin'ny nosy atao hoe Patmo noho ny tenin'Andriamanitra sy ny fijoroana vavolombelona
ny mahakasika an'i Jesosy. [10]Izaho dia notarihin'ny Fanahy tamin'ny andron'ny Tompo. Nandre feo mahery tahaka ny
trompetra teo ivohoko aho. [11]Nanao izany hoe: "Soraty ao amin'ny boky izay hitanao, koa alefaso any amin'ireo
fiangonana fito— ho an'ny Efesosy, Smyrna, Pergamosy, Tyatira, Sardisy, Filadelfia, ary Laodikia."
[12]Nizaha ny manodidina aho nitady hoe feon'iza izany niteny tamiko izany, ary raha nitodika aho dia nahita fanaovan-jiro
volamena fito. [13]Ary teo afovoan'ny fanaovan-jiro nisy anankiray tahaka ny Zanak'olona, nitafy akanjo lava tonga hatrany
amin'ny tongony, ary fehin-kibo volamena manodidina ny tratrany.
[14]Ny lohany sy ny volony dia fotsy tahaka ny volon'ondry— fotsy tahaka ny rano mandry, ary ny masony tahaka ny lelafo.
[15]Ny tongony mangirana tahaka ny varahina, toy ny varahina voadio teo amin'ny lafaoro, ary ny feony toy ny feona rano
be mikoriana. [16]Ary nanana kintana fito teny an-tanany ankavanana Izy, ary sabatra roa lela maranitra nivoaka avy teo
amin'ny vavany. Ny tarehiny dia nazava tahaka ny masoandro rehefa miredareda.
[17]Rehefa nahita Azy aho, dia nianjera teo amin'ny tongony tahaka ny olona maty. Nanendry ahy tamin'ny tanany
ankavanana Izy ka nanao hoe: "Aza matahotra. Izaho no voalohany sy farany, [18]ary ilay iray izay velona. Efa maty Aho, fa
indro, velona mandrakizay! Ary Izaho manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny Fiainan-tsy hita.
[19]Noho izany soraty izay hitanao, izay ankehitriny, sy izay hitranga aorian'izao. [20]Tahaka ny zava-miafina mahakasika ireo
kintana fito izay hitanao teny an-tanan-kavanako, sy ireo fanaovan-jiro volamena fito: "Ny kintana fito dia ireo anjelin'ny
fiangonana fito, ary ny fanaovan-jiro fito dia ireo fiangonana fito."

---

[1]Fanamarihana: ny dikan-teny hafa taloha dia mivaky toy izao: "Izaho no Alfa sy Omega, ny fiandohana sy fiafarana," hoy ny Tompo Andriamanitra.

---

2 [1]Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana ao Efesosy hoe: "Ireto ny teny avy amin'ilay iray izay mitazona ireo kintana fito
amin'ny tanan-kavanany ary mandeha eo amin'ireo fanaovan-jiro volamena fito, [2]"Fantatro izay efa vitanao sy ny asa
mafinao ary ny fiaretanao maharitra. Fantatro fa tsy afaka handefitra amin'ny olon-dratsy ianao. Fantatro fa notsapainao
ireo izay milaza azy ireo ho apostoly, nefa tsy izy, ary hitanao izy ireo fa sandoka.
[3]Fantatro fa manana faharetana ianao, ary nijaly mafy nohon'ny amin'ny anarako, ary tsy nilavo lefona ianao. [4]Nefa
manohitra anao aho satria namela ny fitiavanao voalohany ianao. [5]Tsarovy noho izany ny toerana izay nahalavo anao.
Mibebaha ary manaova ireo zavatra izay nataonao voalohany. Fa raha tsy mibebaka ianao, dia ho avy any aminao aho
ary hanala ireo fanaovan-jironao amin'ny fitoerany.
[6]Kanefa izao no ataonao: "Halanao ny zava-bitan'ny Nikolaita, izay halako ihany koa. [7]Aoka izay manan-tsofina hihaino
izay lazain'ny Fanahy ho an'ireo fiangonana. Ho an'ilay iray izay maharesy dia homeko alalana hihinana ny avy amin'ny
hazon'ny fiainana, izay ao amin'ny paradisan'Andriamanitra."""
[8]Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana any Smyrna hoe: "Ireto ny tenin'ilay iray izay voalohany ary farany, ilay iray izay
efa maty nefa velona indray: [9]"Fantatro ireo fahorianao sy ny fahantranao, nefa manan-karena ianao. Fantatro ny
fitenenan-dratsy ho an'ireo izay miteny ny tenany fa Jiosy, kanefa tsy izy. Synagogan'i Satana izy ireo.
[10]Aza matahotra ny amin'izay efa hiaretanao. Indro! Ny devoly dia hanipy ny sasany aminareo any amin'ny tranomaizina
mba ho tsapaina ianareo, ary hijaly mandritry ny folo andro ianareo. Matokia mandra-pafahaty, ka homeko anareo ny
satro-boninahitry ny fiainana. [11]Izay manan-tsofina aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy ho an'ireo fiangonana. Ilay
iray izay maharesy dia tsy ho simban'ny fahafatesana faharoa."""
[12]Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana any Pergamosy hoe: "Ireto ny tenin'ilay iray izay manana sabatra roa lela:
[13]"Fantatro izay onenanao, dia ao amin'ny hitoeran'ny seza fiandrianan'i Satana. Ary ankehitriny mitana mafy ny anarako
ianao. Fantatro fa tsy nandà ny finoanao ny amiko ianao, na dia tamin'ireo andron'i Antipasy vavolombeloko aza, izay
nahatoky Ahy, izay novonoina teo aminareo, tao amin'ny fonenan'i Satana.
[14]Fa manan-teny kely aminao Aho: "Misy sasany aminareo mitana mafy ny fampianaran'ny Balama, izay nampianatra an'i
Balaka hametraka fanafintohinana eo anoloan'ny zanak'Israely, mba hihinanan'izy ireo ny sakafo natao sorona ho an'ny
sampy ary ho fijangajangana. [15]Toy izany ihany, misy sasany aminareo izay mitana mafy ny fampianaran'ireo Nikolaita.
[16]Mibebaha, noho izany! Fa raha tsy izany, dia ho tonga faingana any aminareo Aho, ary hifanandrina amin'izy ireo aho
miaraka amin'ny sabatry ny vavako. [17]Aoka izay manan-tsofina hihaino izay lazain'ny Fanahy ho an'ireo fiangonana. Ho
an'ireo izay maharesy, homeko ny sasany amin'ireo mana miafina, ary homeko vato fotsy miaraka amin'ny anaram-
baovao voasoratra eo amin'ny vato, anarana izay tsy fantatr'olona afa-tsy izay mandray azy ihany."""

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[18]Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana ao Tyatira hoe: 'Ireto ny tenin'ny Zanak'Andriamanitra, izay manana maso toy ny lelafo ary tongotra toy ny varahina mangirana: [19]"'Fantatro izay vitanao: Ny fitiavanao sy ny finoanao sy ny fanomponao ary ny faharetanao. Fantatro fa izay vitanao farany dia betsaka noho izay vitanao voalohany.
[20]Kanefa izao no hanoherako anao: Leferinao ilay vehivavy Zezebela, izay miantso ny tenany ho mpaminany vavy. Amin'ny alalan'ny fampianarany dia mamitaka ireo mpanompoko izy mba hijangajanga sy hihinana sakafo atao sorona ho an'ny sampy. [21]Nanome fotoana mba hibebahany Aho, kanefa tsy mety hibebaka ny amin'ny fijangajangany izy.
[22]Indro! Hataoko marary eo ampandriana izy, ary ireo izay mijangajanga miaraka aminy dia hampahoriako mafy, raha tsy mibebaka amin'ny asa ratsin'ilay vehivavy izy ireo. [23]Ho vonoiko ho faty ireo zanany, ary ireo fiangonana rehetra dia hahalala fa Izaho ilay mahita ny fieritreretana sy fihetsem-po. Homeko araka ny asanareo tsirairay avy ianareo.
[24]Fa ny aminareo izay sisa ao Tyatira, izay rehetra tsy mitana izao fampianarana izao, sy tsy mahalala izay antsoin'ny sasany hoe sain-dalin'i Satana— Izao no lazaiko aminareo hoe: "Tsy vesarako entana hafa ianareo." [25]Na izany aza, tsy maintsy mitazona mafy ny finoanareo ianareo mandra-pihaviko.
[26]Ilay iray izay maharesy sy izay manao izay efa vitako hatramin'ny farany, dia homeko azy ny fahefana amin'ny firenena rehetra. [27]'Hanapaka eo amin'izy ireo miaraka amin'ny tehim-by izy, toy ny fanorotorona vilany tany no hanapotehina azy ireo.' [28]Tahaka ny nandraisako avy amin'ny Raiko, no hanomezako azy kintana maraina ihany koa. [29]Aoka ilay iray izay manan-tsofina hihaino izay lazain'ny Fanahy ho an'ireo fiangonana.'"'

3 [1]Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana any Sardisy hoe: 'Izao no tenin'ilay mitàna ireo Fanahy fiton'Andriamanitra sy ireo kintana fito. "Fantatro izay nataonao. Malaza ho velona ianao, nefa ianao maty. [2]Mifohaza ary hatanjaho izay tavela, fa efa ho faty, satria tsy hitako tanteraka ireo asanao eo imason'Andriamanitro.
[3]Tadidio, noho izany, izay noraisinareo sy renareo. Ankatoavy izany, ary mibebaha. Fa raha tsy mifoha ianareo, dia ho avy toy ny mpangalatra Aho, ary tsy ho fantatrareo ny ora hiaviako aminareo. [4]Fa misy anaran'olona vitsivitsy any Sardisy izay tsy nandoto ny akanjon'izy ireo. Handeha hiaraka amiko izy ireo, miakanjo fotsy, satria mendrika.
[5]Ilay iray izay maharesy dia ho ampiakanjoana fotsy, ary tsy hamafa ny anarany ao amin'ny Bokin'ny Fiainana mihitsy Aho, ary hilaza ny anarany eo anatrehan'ny Raiko, sy eo anatrehan'ireo anjeliny. [6]Aoka izay manan-tsofina hiaino izay lazain'ny Fanahy amin'ireo fiangonana.'"'
[7]"'Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana any Filadelfia hoe: 'Izao no tenin'ilay iray izay masina sy marina_ izy no mitazona ny fanalahidin'i Davida, izy no mamoha ary tsy misy na iza na iza manidy, izy no manidy ary tsy misy na iza na iza afaka mamoha. [8]"'Fantatro izay vitanareo. Indro, nametrahako varavarana mivoha eo anoloanareo izay tsy afaka hidin'iza na iza. Fantatro fa manana hery kely ianareo, ka nankàto ny teniko ary tsy nandà ny anarako.
[9]Indro! Ireo izay an'ny synagogan'ny Satana, ireo izay milaza fa Jiosy izy ireo nefa tsy izy akory; fa mandainga kosa izy ireo. Hataoko tonga ka hiankohoka eo an-tongotrao izy ireo, ary ho avy izy ireo mba hahafantatra fa nitia anao Aho.
[10]Satria efa nitandrina ny didiko tamin'ny faharetana ianareo, dia hiaro anareo amin'ny andro fitsapana izay efa ho avy amin'izao tontolo rehetra izao ihany koa Aho, mba hitsapa ireo izay miaina eo ambonin'ny tany. [11]Ho avy tsy ho ela Aho. Tano mafy izay hanananao mba tsy hisy afaka hanala ny satro-boninahitrao.
[12]Ataoko andry eo amin'ny tempolin'ny Andriamanitro izay mandresy, ary tsy hiala eo mihitsy izy. Ho soratako eo aminy ny anaran'Andriamanitro, ilay anaran'ny tanànan'ny Andriamanitro (ilay Jerosalema vaovao, izay midina avy any an-danitra avy amin'ny Andriamanitro), sy ny anarako vaovao. [13]Aoka izay manan-tsofina hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ireo fiangonana.'"'
[14]"'Soraty ho an'ny anjelin'ny fiangonana any Laodikia hoe: "Izao no tenin'ny Amena, ilay vavolombelona mahatoky sy marina, ilay mpanapaka ny zava-boaarin' Andriamanitra. [15]"'Fantatro izay nataonareo, ary tsy mangatsiaka na mafana ianareo. Maniry Aho mba ho mangatsiaka na mafana ianareo! [16]Noho izany, satria ianareo matimaty_ sady tsy mafana no tsy mangatsiaka_dia efa haloan'ny vavako ianareo.
[17]Fa hoy ianareo hoe: 'Manan-karena aho, nanana fitaovana maro, ka tsy mila na inona na inona.' Saingy tsy fantatrareo fa ianareo no tena ory, mampahonena, mahantra, jamba ary mitanjaka. [18]Henoy ny torohevitro: Mividiana volamena voadio tamin'ny afo amiko mba ho tonga mpanan-karena ianareo, ary akanjo fotsy manjopiaka mba ho afaka mampitafy ny tenanareo ianareo ka tsy hampiseho ny henatry ny fitanjahanareo, ary hanosotra ny masonareo mba hahiratanareo.
[19]Ampiofaniko ny tsirairay avy izay tiako, ary hampianariko azy ireo ny fomba tokony hiainan'izy ireo. Noho izany, mazotoa ary mibebaha. [20]Indro, mijoro eto amin'ny varavarana Aho ary mandondona. Raha misy mandre ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia ho avy ao an-tranony Aho ka hihinana miaraka aminy, ary izy miaraka amiko.
[21]Ilay iray izay mandresy, hatolotro azy ny zo hipetraka miaraka amiko eo amin'ny seza fiandrianako, tahaka ny nandreseko koa ka nipetrahako niaraka tamin'ny Raiko teo amin'ny seza fiandrianany. [22]Aoka izay manan-tsofina hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ireo fiangonana.'"'

4 [1]Taorin'izany zavatra izany dia nijery aho, ary nahita varavarana iray nisokatra teny amin'ny lanitra. Ny feo voalohany izay reko dia niresaka tamiko tahaka ny trompetra, nanao hoe: "Miakara ety, ary ho asehoko anao izay tsy maintsy hitranga aorian'ireo zavatra ireo." [2]Nisy fotoana aho voatariky ny Fanahy, ary nahita fa nisy seza fiandrianana nipetraka

teny amin'ny lanitra, nisy olona nipetraka teo ambonin'izany. [3]Ilay iray izay nipetraka teo amboniny dia miendrika tahaka ny jaspa sy karneola. Nisy avana nanodidina ny seza fiandrianana. Ilay avana dia miendrika toy ny emeraoda.
[4]Nisy seza fiandrianana efatra amby roapolo nanodidina ilay seza fiandrianana, ary loholona efatra amby roapolo no nipetraka teo ambonin'ireo seza fiandrianana, niakanjo fotsy, niaraka tamin'ny satro-boninahitra volamena teny amin'ny lohan'izy ireo. [5]Avy tamin'ilay seza fiandrianana no nisy tsela-pahazavana, kotroka, ary kotro-baratra. Nisy jiro fito nirehitra teo anoloan'ny seza fiandrianana, jiro izay fanahy fiton'Andriamanitra
[6]Teo alohan'ny seza fiandrianana dia nisy ranomasina fitaratra, tahaka ny kristaly. Ireo zava-manan'aina efatra dia teo afovoan'ny seza fiandrianana sy nanodidina izany, feno maso, teo anoloany sy tao an-damosiny.
[7]Ilay zava-manan'aina voalohany dia tahaka ny liona, ilay zava-manan'aina faharoa tahaka ny zanak'omby, ilay zava-manan'aina fahatelo dia miendrika olona, ary ilay zava-manan'aina fahaefatra tahaka ny voro-mahery manidina. [8]Ireo zava-manan'aina efatra dia samy manana elatra enina avy, feno maso ny ambony sy ny ambany. Andro sy alina izy ireo dia tsy mitsahatra miteny hoe: "Masina, masina, masina ilay Tompo Andriamanitra Tsitoha izay nisy, sy misy, ary mbola ho avy."
[9]Na oviana na oviana ireo zava-manan'aina dia hanome voninahitra, laza, ary fisaorana an'ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana, ilay iray izay velona mandrakizay doria, [10]ireo loholona efatra amby roapolo dia nampiankohoka ny tenan'izy ireo eo anoloan'ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana. Miankohoka eo amin'ilay iray izay velona mandrakizay doria izy ireo, ary nanipy ny satro-boninahitr'izy ireo teo anoloan'ny seza fiandrianana, miteny hoe: [11]"Mendrika ianao, ry Tomponay sy Andriamanitray, handray ny voninahitra sy ny laza ary ny hery. Fa Ianao no namorona ny zavatra rehetra, ary tamin'ny alalan'ny sitraponao, dia nisy izy ireo ary nohariana."

5 [1]Ary nahita ny tanan-kavanan'ilay iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana aho, horonan-taratasy voasoratra eo anoloana sy ao aoriana. Ary nofehezina tamin'ny tombo-kase fito izany. [2]Nahita anjely mahery nanambara tamin'ny feo mafy aho, niteny hoe: "Iza no mendrika ny hanokatra ny horonan-taratasy ary hamoha ny tombo-kasen'izany?"
[3]Tsy misy olona avy an-danitra na eto an-tany na ambanin'ny tany ka afaka hanokatra ny horonan-taratasy na hamaky izany. [4]Nitomany mafy aho- satria tsy nisy olona hita mendrika ny hanokatra ny horonan-taratasy na hamaky izany.
[5]Kanefa iray tamin'ireo loholona nilaza tamiko hoe: "Aza mitomany. Indro! Ilay lion'ny fokon'i Joda, ilay solofon'i Davida, dia nandresy. Afaka ny hanokatra ny horonan-taratasy sy ireo tombo-kase fito izy.
[6]Nahita Zanak'ondry mitsangana eo anelanelan'ny seza fiandrianana sy ireo zava-manan'aina efatra ary eo anivon'ireo loholona aho. Toy ny hoe olona novonoina izy. Nanana tandroka fito sy maso fito izy; izy ireo no fanahy fiton'Andriamanitra nalefa nanerana ny tany. [7]Nandeha izy ary naka ilay horonan-taratasy teny amin'ny tanan-kavanan'ilay iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana.
[8]Rehefa noraisin'ilay Zanak'ondry ilay horonan-taratasy, ireo zava-manan'aina efatra sy ireo loholona efatra amby roapolo dia nampiankohoka ny tenan'izy ireo teo anoloany. Samy nanana lokanga sy lovia volamena feno emboka manitra avy ny tsirairay tamin'izy ireo, izay vavak'ireo mpino.
[9]Nihira hira vaovao izy ireo: "Mendrika ny handray an'ilay horonan-taratasy ianao ary hanokatra ny tombo-kasen'izany. Fa ianao dia novonoina, ary tamin'ny ránao no nividianana an'ireo olon'Andriamanitra avy tamin'ny foko, fiteny, olona, ary firenena rehetra. [10]Nataonao fanjakana sy mpisorona izy ireo mba hanompo an'Andriamanitra, ary hanjaka eto an-tany."
[11]Avy eo aho dia nahita sy nandre feon'anjely maro nanodidina ny seza fiandrianana sy ireo zava-manan'aina ary ireo loholona. Ny fitambaran'ny izy ireo dia aman'alina alina. [12]Niteny tamin'ny feo mafy izy ireo hoe: "Mendrika anie ilay Zanak'ondry izay novonoina mba handray fahefana, harena, fahendrena, hery, laza, voninahitra, ary dera."
[13]Nandre ireo zavatra voaforona rehetra izay tany an-danitra sy teto an-tany ary an-dranomasina aho- ny zavatra rehetra tao anatin'ireo-niteny hoe: "Ho an'ilay iray izay mipetraka eo amin'ny seza fiandrianana sy ho an'ilay Zanak'ondry, anie ny dera, ny laza, ny voninahitra, ary ny fahefana handidy, mandrakizay doria." [14]Ireo zava-manan'aina efatra, niteny hoe: "Amena!" Ary ireo loholona niankohoka sy nivavaka. [1]

[1]Fanamarihana: Ny sasany aminíreo dikan-teny taloha dia mivaky hoe: "Ireo loholona roa amby efapolo dia niankohoka sy nanompo an'ilay iray izay velona mandrakizay doria."

6 [1]Rehefa nanokatra ny iray tamin'ireo tombo-kase fito ny Zanak'ondry dia nijery aho, ary nandre ny iray tamin'ireo zava-manan'aina efatra tamin'ny feo toy ny kotroka aho niteny hoe: "Avia! [2]Nijery aho ary nisy soavaly fotsy teo. Ny mpitaingina izany dia nitazona tsipìka, ary nomena satro-boninahitra izy. Nivoaka toy ny mpandresy izy mba handresy.
[3]Rehefa nanokatra ny tombo-kase faharoa ny Zanak'ondry, dia nandre ny zava-manan'aina faharoa aho niteny hoe: "Avia!" [4]Dia nisy soavaly hafa nivoaka- mirehitra mena. Ny mpitaingina izany no nomena alalana hanala ny fiadanana amin'ny tany, mba hifamono ny olony. Io mpitaingina io dia nomena sabatra lehibe.
[5]Rehefa nanokatra ny tombo-kase fahatelo ny Zanak'ondry, dia nandre ny zava-manan'aina fahatelo aho niteny hoe: "Avia!" Nahita soavaly mainty aho, ary ny mpitaingina izany dia nitàna mizàna teny an-tanany. [6]Nandre tahaka ny feo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

tamin'ny zava-manan'aina efatra aho niteny hoe: "Ny vary eran'ny fatram-bary ho an'ny denaria iray, ary ny hordea in-telon'ny fatram-bary ho an'ny denaria iray. Fa aza manimba ny menaka sy ny divay."
[7]Rehefa nanokatra ny tombo-kase fahaefatra ny Zanak'ondry, dia nandre ny feon'ny zava-manan'aina fahaefatra aho niteny hoe: "Avia!"[8]Dia nahita soavaly hatsatra aho. Ny mpitaingina izany dia nantsoina hoe Fahafatesana, ary ireo Fasana dia nanaraka azy. Nomena fahefana amin'ny ampaha-efatry ny tany izy ireo, mba hamono amin'ny sabatra, hanoanana sy aretina, ary amin'ireo bibidian'ny tany.
[9]Rehefa nanokatra ny tombo-kase fahadimy ny Zanak'ondry, dia hitako tao ambany alitara ireo fanahin'ireo izay novonoina noho ny tenin'Andriamanitra sy ny fijoroana vavolombelona izay notànan'izy ireo. [10]Nihiaka tamin'ny feo mafy izy ireo hoe: "Mandra-pahoviana, ry Mpanapaka ambonin'ny rehetra, masina sy marina, no hitsaranao ireo izay miaina eto an-tany, sy hamalianao faty ny ránay? [11]Dia nomena akanjolava ny tsirairay avy tamin'izy ireo, ary notenenina izy ireo fa tokony hiandry kelikely mandra-pahazoana ny isa fenon'ireo mpiara-manompon'izy ireo sy ireo rahalahy sy anabavin'izy ireo izay tokony hovonoina izy ireo, toy ny namonoana azy ireo.
[12]Rehefa nanokatra ny tombo-kase fahaenina ny Zanak'ondry, dia nijery aho ary nisy horohoron-tany lehibe. Lasa mainty toy ny lamba fisaonana ny masoandro, ary ny volana fenomanana dia lasa toy ny rà. [13]Ireo kintana teny amin'ny lanitra dia nianjera tety an-tany, toy ny aviavy manintsana ny voany manta rehefa ahetsiky ny rivotra mahery. [14]Ny lanitra dia nanjavona toy ny horonan-taratasy izay naorongorona. Ny tendrombohitra sy ny nosy rehetra dia nesorina teo amin'ny toerany.
[15]Avy eo ireo mpanjakan'ny tany sy ny olona manan-danja, sy ireo jeneraly, ny mpanan-karena, ny mahery, ary ny hafa rehetra, andevo sy afaka, niafina tao anatin'ireo lava-bato sy tamin'ireo vatolampin'ny tendrombohitra. [16]Niteny tamin'ireo tendrombohitra sy tamin'ireo vatolampy izy ireo hoe: "Mianjerà aminay! Afeno amin'ny tavan'ilay iray izay mipetraka eo amin' ny seza fiandrianana sy amin'ny fahatezeran'ny Zanak'ondry izahay. [17]Fa Tonga ny andro lehiben'ny fahatezeran'izy ireo. Iza no hahavita hiharitra?"

7 [1]Taorian'izany dia nahita anjely efatra nitsangana teo amin'ny zoro tany efatra aho, nanohitra mafy ny rivotra efatry ny tany, mba tsy hisy rivotra hitsoka amin'ny tany, amin'ny ranomasina, na hifanohitra amin'ny hazo rehetra. [2]Nahita anjely hafa aho niakatra avy tany antsinanana, izay nanana ny tombo-kasen'Andriamanitra velona. Nihiaka tamin'ny feo mafy tamin'ireo anjely efatra izay nahazo alalana hanimba ny tany sy ny ranomasina izy hoe: [3]"Aza simbana ny tany, ny ranomasina, na ireo hazo mandra-panisintsika ny tombo-kase eo amin'ny handrin'ireo mpanompon'Andriamanitsika."
[4]Nahare ny isan'ireo izay voatombo-kase aho: 144, 000, no voatombo-kase avy tamin'ny fokon'ny olon'israely rehetra: [5]Roa arivo sy iray alina no voatombo-kase avy tamin'ny fokon'i Joda, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Robena, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Gada, [6]roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Asera, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Naftaly, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Manase.
[7]roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Simeona, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Levy, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Isakara, [8]roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Zebolona, roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Josefa, ary roa arivo sy iray alina avy tamin'ny fokon'i Benjamina no voatombo-kase.
[9]Taorian'ireo zavatra ireo dia nijery aho, ary nisy olona maro be izay tsy tambo isaina--- avy tamin'ny firenena, foko, olona, ary fiteny rehetra---- nitsangana teo anoloan'ny seza fiandrianana sy teo anoloan'ny Zanak'ondry. Nanao ankajo lava fotsy sy mitana sampan-drofia teny amin'ny tanan'izy ireo, [10]ary niantso mafy tamin'ny feo mahery izy ireo nanao hoe: "Ny famonjena dia an'Andriamanitsika izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, sy an'ny Zanak'ondry!"
[11]Ny anjely rehetra nitsangana manodidina ny seza fiandrianana sy manodidina ireo loholona sy ny zava-manan-aina efatra, ary izy ireo dia nampiankohoka ny tavan'izy ireo teo anoloan'ny seza fiandrianana. Nivavaka tamin'Andriamanitra izy ireo [12]nanao hoe: "Amena! Dera, voninahitra, fahendrena, fisaorana, fahefana, ary ny hery anie ho an'Andriamanitsika mandrakizay doria! Amena!"
[13]Avy eo ny iray tamin'ireo loholona nanontany ahy hoe: "Iza ireo, mitafy akanjolava fotsy, ary avy aiza izy ireo?" [14]Hoy aho taminy: "Tompoko, Ianao mahafantatra," ary hoy izy tamiko: "Ireo no hivoaka avy amin'ny Fahoriana Lehibe. Nosasan'izy ireo ny akanjolavany ary nofotsiana tamin'ny ràn'ny Zanak'ondry.
[15]Noho izany antony izany, dia eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanira izy ireo, sy mivavaka aminy andro aman'alina ao amin'ny tempoliny. Ny iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana dia hamelatra ny lainy amin'izy ireo. [16]Tsy ho noana intsony izy ireo, na hangetaheta indray. Tsy hamely azy ny masoandro, na ny hafanana mandoro. [17]Fa ny Zanak'ondry eo afovoan'ny seza fiandrianana no ho mpiandry azy ireo sy hitari-dalana azy ireo any amin'ny loharanon'ny rano velona, ary hofafan'Andriamanitra ny ranomaso rehetra amin'ny mason'izy ireo."

8 [1]Rehefa novahan'ilay Zanak'ondry ny tombo-kase fahafito, dia nisy fahanginana tany an-danitra teo amin'ny antsasaka ora teo. [2]Avy eo dia hitako ireo anjely fito izay nitsangana teo anoloan'Andriamanitra, ary nomena trompetra fito izy ireo.
[3]Nisy anjely hafa tonga, nitazona lovia volamena fandoroana ditin-kazo manitra, nitsangana teo ambonin'ny alitara. Ditin-kazo manitra maro no nomena azy mba hanolorany izany mbamin'ny vavaky ny mpino rehetra eo ambonin'ny alitara volamena fandoroana ditin-kazo manitra eo anoloan'ny sezam-boninahitra. [4]Ny setrok'ilay ditin-kazo manitra,

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

mbamin'ny vavak'ireo mpino, dia niakatra teo anoloan' Andriamanitra avy amin'ny tanan'ny anjely. [5]Naka ilay lovia fandoroana ditin-kazo manitra ilay anjely ary nameno izany tamin'ny afo avy eo amin'ny alitara. Avy eo natsipiny tamin'ny tany izany, ary nisy kotro-baratra, kotroka, tselatra, ary horohoron-tany.
[6]Ireo anjely fito izay nanana ireo trompetra fito dia niomana hitsoka izany. [7]Nitsoka ny trompetrany ilay anjely voalohany, ary nisy havandra sy afo mifangaro rà. Natsipy tety an-tany izany mba ho may ny ampahatelon'izany, may ny ampahatelon'ny hazo, ary may avokoa ireo ahi-maitso.[1]
[8]Nitsoka ny trompetrany ilay anjely faharoa, ary nisy zavatra toy ny tendrombohitra lehibe nirehitr'afo natsipy tany an-dranomasina. Lasa rà ny ampahatelon'ny ranomasina, [9]maty ny ampahatelon'ny zava-manan'aina tao an-dranomasina, ary rava ny ampahatelon'ireo sambo.
[10]Nitsoka ny trompetrany ilay anjely fahatelo, ary nisy kintana lehibe nilatsaka avy any an-danitra, mirehitra toy ny fanilo, tamin'ny ampahatelon'ireo ony sy loharano. [11]Zava-mangidy no anaran'ilay kintana. Lasa nangidy ny ampahatelon'ilay rano, ary olona maro no maty tamin'ilay rano izay lasa nangidy.
[12]Nitsoka ny trompetrany ilay anjely faha-efatra, ary niova ny ampahatelon'ny masoandro, toy ny ampahatelon'ny volana sy ny ampahatelon'ireo kintana. Noho izany dia lasa mainty ny ampahatelon'ireo; tsy nisy hazavana ny ampahatelon'ny andro sy ny ampahatelon'ny alina.
[13]Nijery aho, ary nandre voro-mahery izay nanidina teny afovoan'ny lanitra, niantso tamin'ny feo mafy hoe: "'Loza, loza, loza, ho an'ireo izay monina eny amin'ny tany, nohon'ny feona trompetra sisa izay efa ho tsofin'ireo anjely telo."

---

[1]Fanamarihana: Ny sasany amin'ireo dikan-teny taloha dia manala ny hoe: "mba ho may ny ampahatelon'izany."

---

9 [1]Nampaneno ny trompetrany ny anjely fahadimy. Nahita kintana avy any an-danitra aho izay nianjera teny amin'ny tany. Ilay kintana no nomena ny fanalahidin'ilay lavaka tsy hita noanoa. [2]Nosokafany ilay lavaka tsy hita noanoa, ary niakatra ny setroka nivoaka tao amin'ny lavaka toy ny setroka avy amin'ny lafaoro lehibe. Nivadika maloka ny masoandro sy ny rivotra nohon'ny setroka nivoaka tao an-davaka.
[3]Avy amin'ny setroka no nahatongavan'ireo valala teto ambonin'ny tany, ary nomena hery tahaka ny an'ny maingoka teto ambonin'ny tany izy ireo. [4]Notenenina izy ireo tsy hanimba ny ahitra teto ambonin'ny tany na ireo zava-maniry maitso na hazo, fa ireo olona izay tsy manana tombo-kasen'Andriamanitra eo amin'ny handrin'izy ireo ihany.
[5]Tsy nahazo alalana ny hamono ireo olona ireo izy ireo, fa hampijaly azy ireo mandritra ny dimy volana ihany. Ny fanaintainan'izy ireo dia ho toy ny tsindron'ny maingoka rehefa mamely olona. [6]Amin'ireo andro ireo dia hitady fahafatesana ny olona, fa tsy hahita izany. Haniry ny ho faty mafy izy ireo, nefa handositra azy ireo ny fahafatesana.
[7]Toy ny soavaly nomanina tamin'ny ady ireo valala. Tamin'ny lohan'izy ireo dia nisy zavatra toy ny satro-boninahitra volamena, ary ny tavan'izy ireo dia toy ny tavan'olombelona. [8]Nanana volo toy ny volom-behivavy izy ireo, ary ny nifin' izy ireo dia toy ny nifin'ny ireo liona. [9]Nanana fiarovan-tratra toy ny fiarovan-tratra vy izy ireo, ary ny feon'ny elatr'izy ireo dia toy ny feon'ny kalesy sy soavaly maro mihazakazaka ho any amin'ny ady.
[10]Nanana rambo nisy fanindromana toy ny maingoka izy ireo; ao amin'ny rambon'izy ireo no misy ny hery hanimba ny olona mandritra ny dimy volana. [11]Nanana mpanjaka izy ireo dia ilay anjelin'ilay lavaka tsy hita noanoa. Ny anarany tamin'ny teny Hebreo dia Abadona, ary ny anarany tamin'ny teny grika dia i Apolyona. [12]Lasa ny loza voalohany. Indro! aorian'izao dia mbola hisy loza roa ho avy.
[13]Nampaneno ny trompetrany ilay anjely fahaenina, ary naheno ny feo nivoaka tamin'ny tandroky ny alitara volamena izay efa nisy teo anatrehan'Andriamanitra aho. [14]Ary niteny tamin'ilay anjely fahaenina ilay feo manao hoe: "Avotsory ireo anjely efatra izay mifatotra any amin'ilay renirano lehiben' ny Eofrata." [15]Ireo anjely efatra izay efa nomanina tamin'izany ora izany, izany andro izany, izany volana izany, ary izany taona izany, dia navotsotra mba hamono ny ampahatelon'ny olombelona.
[16]Ny isan'ireo miramila nitaingin-tsoavaly dia 200, 000, 000. Naheno ireo isa ireo aho. [17]Toy izany no fomba nahitako ireo soavaly tao amin'ny fahitako sy ireo izay nitaingina teo amin'izy ireo: Ireo fiarovan-tratran'izy ireo dia mirehitra mena, manga antitra ary solifara mavo. Nitovy tamin'ny lohan'ireo liona ny lohan'ireo soavaly, ary ny nivoaka avy tao am-bavan'izy ireo dia afo, setroka, ary solifara.
[18]Ary ny ampahatelon'ireo olona dia matin'ireo loza telo: ny afo, ny setroka, ary ny solifara izay nivoaka avy tao am-bavan'izy ireo. [19]Fa ny herin'ireo soavaly dia avy tao amin'ny vavan'izy ireo sy tamin'ny rambon'izy ireo - fa ny rambon'izy ireo dia toy ny bibilava, ary nanana loha izay afaka mandratra olona izy ireo.
[20]Ny ambin'ireo olombelona, ireo izay tsy matin'ireo loza ireo, dia tsy nibebaka tamin'asa izay vitan'izy ireo, na nijanona nanompo ireo demony sy sampy volamena, volafotsy, varahana, vato, ary hazo- ireo zavatra izay tsy hita maso, re, na mandeha. [21]Izy ireo dia mbola tsy nibebaka tamin'ny asa famonoana, ny famosavian'izy ireo, ny fijangajangana na ireo asa fangalaran'izy ireo.

10 [1]Avy eo aho dia nahita anjely mahery hafa nidina avy any an-danitra. Tao anaty rahona izy, ary nisy avana teo ambonin'ny lohany. Ny tarehiny dia miendrika masoandro ary ny tongony dia tahaka ny andry afo. [2]Mitazona

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

horonan-taratasy kely mivelatra amin'ny tanany izy, ary mametraka ny tongony havanana amin'ny ranomasina sy ny tongony havia amin'ny tany.
[3]Avy eo izy dia nihiaka tamin'ny feo mafy tahaka ny fieron'ny liona. Rehefa nihiaka izy, dia nikotroka mafy tamin'ny feony ny kotroka fito. [4]Rehefa nikotroka ny kotroka fito, dia teo andalam-panoratana aho, fa nandre feo avy any an-danitra aho niteny hoe: "Tazomy ho tsiambaratelo izay nolazain'ny kotroka fito. Aza soratana izany."
[5]Avy eo ilay anjely hitako nitsangana teo ambony ranomasina sy teo amin'ny tany, nanandratra ny tanany havanana tany an-danitra. [6]Izy nianiana tamin'ilay iray izay velona mandrakizay doria, izay namorona ny lanitra sy izay rehetra ao anatin'izany, ny tany sy izay rehetra ao anatin'izany, ary ny ranomasina sy izay rehetra ao anatin'izany, ary ilay anjely niteny hoe: "Tsy hisy fiandrasana intsony. [7]Fa amin'ny andro iray rehefa hampaneno ny trompetrany ny anjely fahafito, dia ho tanteraka ny misterin'Andriamanitra, tahaka ny nanambarany tamin'ireo mpaminany mpanompony."
[8]Ilay feo izay reko avy any an-danitra niteny tamiko indray hoe: "Mandehana, alaivo ilay horonan-taratasy mivelatra izay eny an-tanan'ilay anjely mitsangana eo ambony ranomasina sy ambonin'ny tany." [9]Avy eo dia lasa nankany amin'ilay anjely aho ary niteny taminy mba hanome ahy ilay horonan-taratasy kely. Hoy izy tamiko: "Raiso ny horonan-taratasy ary hano izany. Hampangidy ny ao an-kibonao izany, fa ao am-bavanao dia ho mamy tahaka ny tantely izany."
[10]Nalaiko tamin' ny tanan'ilay anjely ilay horonan-taratasy kely ary nohaniko izany. Mamy tahaka ny tantely tao am-bavako izany, fa taorinan'ny nihinanako azy, dia lasa nangidy ny tao an-kiboko. [11]Avy eo nisy olona iray niteny tamiko hoe: "Tsy maintsy maminany indray ianao momban'ireo olona maro, ireo firenena, ireo fiteny, ary ireo mpanjaka."

11 [1]Nomena volotara mba ampiasaina tahaka ny tehina aho. Nolazaina tamiko hoe: "Mitsangàna ary refeso ny tempolin'Andriamanitra sy ny alitara, ary ireo izay mivavaka ao. [2]Fa aza refesina ny kianja eo ivelan'ny tempoly, fa nomena an'ireo Jentilisa izany. Hanitsaka ny tanàna masina mandritry ny roa amby efapolo volana izy ireo.
[3]Homeko ireo vavolombeloko roa ny fahefana haminany mandritry ny 1, 260 andro, nitafy lamba fisaonana." [4]Ireo vavolombelona ireo dia hazon'oliva roa sy ny fitoeran-jiro roa izay nitsangana teo anatrehan'ny Tompon'ny tany. [5]Raha misy olona misafidy handratra azy ireo, dia mivoaka afo ny vavan'izy ireo ka hihinana ireo fahavalon'izy ireo. Na iza na iza maniry ny handratra azy ireo dia tsy maintsy hovonoina amin'izany fomba izany.
[6]Ireo vavolombelona ireo dia manana fahefana hanidy ny lanitra mba tsy hilatsahan'ny orana mandritry ny andro haminanian'izy ireo. Manam-pahefana izy ireo hanova ny rano ho rà sy hamely ny tany amin'ny karazana loza rehetra na oviana na oviana irian'izy ireo. [7]Rehefa ho vita ny fijoroan'izy ireo vavolombelona, dia miakatra avy any anaty lavaka tsy hita noanoa ilay bibidia hiady hanohitra azy ireo. Handresy azy ireo Izy ary hamono azy ireo.
[8]Hiampatra eny amin'ny lalan'ny tanàn-dehibe ny fatin'izy ireo (izay antsoina ihany koa hoe Sodoma sy Egypta) izay namantsihana ny Tompon'izy ireo. [9]Hijery ny fatin'izy ireo mandritra ny telo andro sy tapany ny olona, ny foko, fiteny, ary ny firenena rehetra. Tsy ho avelan'izy ireo apetraka ao am-pasana ireo
[10]Ireo izay miaina eo ambonin'ny tany dia hifaly amin'izy ireo ary hankalaza. Hifandefa fanomezana mihintsy aza izy ireo satria nampijaly ireo izay miaina ambonin'ny tany ireo mpaminany roa ireo. [11]Fa afaka telo andro sy tapany dia hiditra ao amin'izy ireo ny fofon'aina avy amin'Andriamanitra, ary hijoro amin'ny tongony izy ireo. Hilatsaka amin'ireo izay mahita azy ireo ny tahotra lehibe. [12]Avy eo dia handre feo mahery avy any an-danitra izy ireo miteny azy ireo hoe: "Miakara eto!" Avy eo dia hiakatra ho any an-danitra ao anaty rahona izy ireo, raha mbola mijery tany ireo fahavalon'izy ireo.
[13]Amin'izany ora izany dia hisy horohoron-tany mafy, ary hirodana ny ampahafolon'ny tanàna. Fito arivo ny olona ho faty amin'ilay horohorontany, ary ho raiki-tahotra ireo olona sisa tsy maty ary hanome voninahitra an'Andriamanitry ny lanitra. [14]Lasa ny loza faharoa. Indro! tonga faingana ny loza fahatelo.
[15]Avy eo dia nampaneno ny trompetrany ny anjely fahafito, ary nisy feo mafy niteny tany an-danitra nanao hoe: "Ho lasa fanjakan'ny Tompontsika sy ny Kristiny ny fanjakan'izao tontolo izao. Izy no hanjaka mandrakizay doria."
[16]Avy eo ireo loholona efatra amby roapolo izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianan'izy ireo teo anatrehan'Andriamanitra dia nampiankohoka ny tenan'izy ireo. Nankalaza an'Andriamanitra izy ireo. [17]Hoy izy ireo: "Manome fisaorana Anao izahay, ry Tompo Andriamanitra Tsitoha, ilay ankehitriny sy taloha, satria naka ny herinao lehibe ianao ary nanomboka nanjaka.[1]
[18]Tezitra mafy ireo firenena, kanefa tonga ny fahatezeranao. Tonga ny fotoana hitsarana ny maty sy hamalianao soa ireo mpaminany mpanomponao, ireo izay mpino, sy ireo izay natahotra ny anaranao, na ny tsy manan-danja na ny mahery. Tonga ny fotoana handringananao ireo izay manimba ny tany."
[19]Avy eo dia nisokatra ny tempolin'Andriamanitra tany an-danitra ary hita ny fiaran'ny fanekeny ao anatin'ny tempoliny. Nisy tsela-pahazavana, kotroka, kotrokorana, horohorontany, ary havandra vaventy tao.

[1]Fanamarihana: Ny sasany amin'ireo dikan-teny taloha dia mivaky hoe: Ny mpanapaka ny rehetra, ilay ankehitriny sy taloha, ary ilay ho avy, fa ny dikan-teny amin'izao fotoana tsy toy izany.

12

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[1]Famantarana lehibe no hita tany an-danitra: vehivavy nitafy ny masoandro, ary ny volana teo ambanin' ny tongony, ary satro-boninahitra vita tamin'ny kintana roa ambin'ny folo no teo amin'ny lohany. [2]Bevohoka izy, ary nihiaka mafy fa efa ho teraka, ao anatin'ny fihetsehan-jaza.
[3]Avy eo nisy famantarana hafa niseho tany an-danitra: Indro! Nisy dragona mena goavam-be izay nanana loha fito sy tandroka folo, ary nisy satro-boninahitra fito teo amin'ireo lohany. [4]Ny rambony dia nifaoka ny ampahatelon'ny kintana tany an-danitra sady nanipy azy ireo teny amin'ny tany. Ilay dragona nijoro teo anoloan'ilay vehivavy izay efa ho teraka, ka rehefa teraka izy, dia afaka handrapaka ny zanany izy.
[5]Niteraka zazalahy izy, izay hanapaka ny firenena rehetra miaraka amin'ny tehim-by. Ny zanany dia nalaina an-keriny ho any amin'Andriamanitra sy ho eo amin'ny seza fiandrianany, [6]ary ilay vehivavy dia nandositra nankany an'efitra, izay nisy toerana efa nomanin'Andriamanitra ho azy, koa dia ho voakarakara mandritry ny 1260 andro izy.
[7]Ary nisy ady tany an-danitra. Mikaela sy ireo anjeliny dia niady tamin'ilay dragona; ary ilay dragona sy ny anjeliny dia namaly ady. [8]Fa tsy dia natanjaka ilay dragona ka tsy naharesy. Koa tsy nisy toerana ho azy sy ireo anjeliny intsony tany an-danitra. [9]Ilay dragona lehibe— izay menarana fahiny nantsoina hoe devoly na Satana, ilay namitaka an'izao tontolo izao—dia natsipy teny ambonin'ny tany, ary ireo anjeliny dia natsipy niaraka taminy.
[10]Avy eo nandre feo mafy avy any an-danitra aho: "Ankehitriny dia tonga ny famonjena, ny hery, ny fanjakan'Andriamanitsika ary ny fahefan'i Kristiny. Fa ny mpiampanga ny rahalahintsika dia natsipy tany ambany, ilay iray izay miampanga azy ireo andro aman'alina eo anatrehan'Andriamanitsika.
[11]Izy ireo dia naharesy azy tamin'ny ràn'ny Zanak'ondry sy tamin'ny teny fijoron'izy ireo vavolombelona, fa tsy nankamamy ny fiainany intsony izy ireo na dia ho faty aza. [12]Noho izany, mifalia, ianareo ry lanitra, sy izay rehetra monina ao aminy. Fa mitandrema ny amin'ny tany sy ny ranomasina satria ny devoly dia nidina teny aminareo. Feno fahatezerana izy, satria fantany fa fotoana fohy sisa no hananany.
[13]Rehefa nahafantatra ilay dragona fa nazera tamin'ny tany izy, dia nanenjika ilay vehivavy niteraka zazalahy izy. [14]Fa ilay vehivavy dia nomena elatra roan'ny voromahery lehibe, ka dia afaka nanidina nankany amin'ilay toerana nokarakaraina ho azy tany an'efitra. Io ilay toerana hitsinjovana azy, mandritry ny telo taona sy tapany— mba tsy ho hitan'ilay menarana.
[15]Namoaka rano toy ny renirano tamin'ny vavany ilay menarana, izay hifaoka an-dravehivavy. [16]Fa ny tany nanampy an-dravehivavy. Nosokafan'ny tany ny vavany ary dia nateliny ny riaka izay navoakan'ny vavan'ilay dragona. [17]Ary tezitra tamin-dravehivavy ilay dragona ka niala ary nitady ady tamin'ny ambin'ireo taranany, izay mankàto ny didin'Andriamanitra ary mitana ny fijoroana vavolombelona momba an'i Jesosy. [18]Avy eo nitsangana teo ambonin'ny fasiky ny ranomasina ilay dragona.

13 [1]Ary nahita bibi-dia aho niakatra avy tamin'ny ranomasina. Nanana tandroka folo izany ary loha fito. Teo amin'ny tandrony dia nisy diadema folo, ary teo amin'ny lohany dia nisy anarana fitenenan-dratsy avy. [2]Ilay bibi-dia izay hitako dia tahaka ny leoparda. Ny tongony dia tahaka ny tongotra bera, ary ny vavany dia tahakan'ny vavan'ny liona. Ilay dragona nanome azy ny heriny, ny seza fiandrianany, ary ny fahefany lehibe hanapaka.
[3]Ny lohan'ilay bibi-dia anankiray dia toa efa maty, kanefa sitrana ilay ratra saika nahafaty azy. Ary gaga ny tany rehetra ka nanaraka ilay bibi-dia. [4]Ary dia niankohoka koa teo amin'ilay dragona izy ireo, satria izy no nanome ny fahefany ho an'ny bibi-dia. Niankohaka teo amin'ilay bibi-dia, koa, izy ireo, ary niteny hoe: "Iza no tahakan'ny bibi-dia?" ary "Iza no afaka miady aminy?"
[5]Nomena vava izay afaka miteny fireharehana sy fitenenan-dratsy ilay bibi-dia. Nomena alalana izy mba hampihatra fahefana mandritran'ny efatra ambi-efapolo volana. [6]Ary nanokatra ny vavany hiteny ratsy an'Andriamanitra ilay bibi-dia: niteny ratsy ny anarany, ny toerana izay honenany ary ireo izay mipetraka ao an-danitra.
[7]Navela hiady tamin'ireo mpino ary handresy azy ireo ilay bibi-dia. Ary koa, ny fahefana dia nomena azy manerana ny foko, ny olona, ny fiteny, ary ny firenena rehetra. [8]Hiankohoka eo aminy ireo rehetra izay monina ambonin'ny tany, ireo izay tsy voasoratra anarana, nandritran'ny famoronana izao tontolo izao, ao amin'ny Bokin'ny Fiainana, izay an'ny Zanak'ondry, izay efa novonoina.
[9]Raha misy manan-tsofina, aoka izy hihaino. [10]Raha misy nalaina babo, dia handeha amin'ny fahababona izy. Raha misy novonoina tamin'ny sabatra, amin'ny sabatra no hamonoana azy. Ity no antso ho an'ny faharetana ary finoana ho an'ireo izay masina.
[11]Ary nahita bibi-dia hafa aho niakatra avy tamin'ny tany. Izany dia nanana tandroka roa tahakan'ny zanak'ondry, ary niteny tahakan'ny dragona. [12]Nampihariny avokoa ny fahefana rehetra an'ilay bibi-dia voalohany eo anatrehany, ary ny tany sy ireo izay monina eo aminy dia asainy miankohoka eo amin'ilay bibi-dia voalohany— ilay iray izay sitrana tamin'ny ratra saika nahafaty azy.
[13]Nanao fahagagana maro lehibe izy. Nampidina afo avy any an-danitra ho amin'ny tany teo anoloan'ny olona. [14]Tamin'ny alalan'ny famantarana dia nomena alalana anao izany, namitaka an'ireo izay monina ambonin'ny tany izany. Niteny tamin'izy ireo izany mba hanambotra sary ho voninahitry ny bibi-dia izay voaratran'ny sabatra nefa velona.
[15]Navela asiana aina ny sarin'ny bibi-dia mba ahafahan'ilay sary miteny ary izay rehetra tsy manaiky miankohoka amin'ilay bibi-dia dia novonoina. [16]Nanery ny tsirairay ihany koa izany, na ny kely na ny lehibe, na ny manankarena na

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

ny mahantra, na ny tsy andevo na ny andevo, dia mandray ny marika eo amin'ny tanana ankavanana na oe amin'ny andrina. [17]Tsy hisy olona mahazo mividy na mivarotra mandra-pahazony ny mariky ny bibi-dia, izany dia ny isan'ny fanehoana ny anarany.
[18]Izany dia mitaky fahendrena. Raha misy olona manan-tsaina, aoka izy hanisa ny isan'ny bibi-dia. Fa izany dia isan'ny olona. Izany isa izany dia 666.

14 [1]Nijery aho ary nahita ny Zanak'ondry nitsangana teo amin'ny tendrombohitra Ziona. Niaraka taminy ireo 144. 000 izay nanana ny anarany sy ny anaran'ny Rainy voasoratra eo amin'ny handrin'izy ireo. [2]Nandre feo avy any an-danitra toy ny firohondrohon'ny rano maro sy kotroka mafy aho. Ny feo reko ihany koa dia toy ny mpitendry lokanga mitendry ny lokangany.
[3]Nihira hira vaovao teo anoloan'ny seza fiandrianana sy teo anoloan'ireo zava-manan'aina efatra sy ireo loholona izy ireo. Tsy nisy na iza na iza afaka nianatra ny hira afa-tsy ireo 144. 000 izay novidiana avy teto an-tany ihany.[4]Ireo dia olona izay tsy nandoto ny tenan'izy ireo tamim-behivavy, fa nihazona ny tenany madio ara-nofo izy ireo. Izany dia izay manaraka ny Zanak'ondry na aiza na aiza alehany. Izy ireny dia novidiana avy tamin'ny olombelona toy ny voaloham-bokatra ho an'Andriamanitra sy ho an'ny Zanak'ondry.[5]Tsy nisy lainga hita teo amin'ny molotr'izy ireo, tsy manan-tsiny izy ireo.[1]
[6]Nahita anjely hafa nanidina ambony aho, izay nanana ny hafatra mandrakizain'ny vaovao mahafaly hambara amin'ireo izay miaina ambonin'ny tany- amin'ny firenena, foko, fiteny, ary ny olona rehetra.[7]Niantso tamin'ny feo mafy izy hoe: "Matahora an'Andriamanitra ary manomeza voninahitra Azy. Fa tonga ny oran'ny fitsarany. Mivavaha Aminy, ny iray izay nanao ny lanitra, ny tany, ny ranomasina, ary ny loharano."
[8]Nisy anjely hafa- ny anjely faharoa- nanaraka niteny hoe: "Nianjera, nianjera Babylona lehibe, izay nandresy lahatra ireo firenena rehetra mba hisotro ny divain'ny fitondran-tena malotony."
[9]Nisy anjely hafa- anjely fahatelo- nanaraka azy ireo, niteny tamin'ny feo mafy hoe: "Raha misy mivavaka amin'ny ny bibidia sy ny sariny, ary mandray ny marika eo amin'ny handriny na eo amin'ny tanany, [10]dia hisotro ny sasany amin'ny divain'ny fahatezeran'Andriamanitra ihany koa izy, divay tsy niharo izay narotsaka tao anatin'ny kapoaky ny hatezerany. Ny olona izay misotro izany dia ho ampijaliana amin'ny afo sy solifara eo anoloan'ireo anjely masin'Andriamanitra sy eo anoloan'ny Zanak'ondry.
[11]Ny setroka avy amin'ny fijalian'izy ireo dia miakatra mandrakizay doria, ary tsy manam-pitsaharana andro sy alina izy ireo- ireo mpanompon'ny bibidia sy ny sariny ireo, ary ny olon-drehetra izay mandray ny mariky ny anarany. [12]Ity dia antso ho an'ny faharetana maharitr'ireo izay masina, ireo izay mankatoa ireo didin'Andriamanitra ary mino an'i Jesosy."
[13]Nandre feo avy any an-danitra aho niteny hoe: "Soraty izao: Sambatra ny maty izay maty ao amin'ny Tompo." "Eny", hoy ny Fanahy, "mba ahafahan'izy ireo miala sasatra amin'ny asan'izy ireo, fa ny vitan'izy ireo dia hanaraka azy ireo."
[14]Nijery aho, ary nisy rahona fotsy. Nipetraka teo amin'ny rahona ny iray toy ny zanak'olona. Nanana satro-boninahitra volamena teo amin'ny lohany sy fijinjana maranitra eny an-tanany izy. [15]Dia nisy anjely hafa nivoaka ny tempoly ary niantso tamin'ny feo mafy an'ilay mipetraka eo amin'ny rahona nanao hoe: "Raiso ny fijinjanao ka manomboa mijinja. Fa tonga ny fotoana hijinjana, satria masaka ny vokatry ny tany."[16]Ary ny iray izay nipetraka teo amin'ny rahona nampandroso ny fijinjany teto an-tany, ka nojinjaina ny tany.
[17]Nisy anjely hafa nivoaka avy tao an-tempoly tany an-danitra; nanana fijinjana maranitra ihany koa izy. [18]Mbola nisy anjely hafa koa nivoaka ny alitara fandoroana ditin-kazo manitra, izay nanana fahefana amin'ny afo. Niantso tamin'ny feo mahery an'ilay ireo izay nanana fijinjana maranitra izy hoe: "Raiso ny fijinjanao maranitra ary angony ireo sampahom-boaloboka avy amin'ny voaloboky ny tany, fa ireo voaloboka dia efa masaka izao."
[19]Nampandroso ny fijinjany tamin'ny tany ilay anjely ary nanangona ny vokatry ny voaloboky ny tany. Natsipiny tao anaty famiazam-boaloboka lehiben'ny fahatezeran'Andriamanitra izany.[20]Ny famiazam-boaloboka dia nitsahina tany ivelan'ny tanàna, ary ny rà dia niraraka avy ao amin'izany ka tonga hatreny amin'ny haavon'ny lamboridin-tsoavaly, izay 1. 600 stadio.

---

[1]Fanamarihina: Ny dikan-teny sasany manampy hoe: "teo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra"

---

15 [1]Avy eo dia nahita famantarana hafa teny amin'ny lanitra aho, lehibe sy mahatalanjona: Nisy anjely fito miaraka amin'ny loza fito, izay loza farany indrindra, fa amin'izy ireo no hahatanteraka ny fahatezeran'Andriamanitra.
[2]Nahita izay niseho tamin'ny ranomasina fitaratra nampiarahana tamin'ny afo aho. Nitsangana teo akaikin'ny ranomasina ireo izay nandresy an'ilay bibidia sy ny sariny, sy ny isa maneho ny anarany. Izy ireo dia nitazona harpa nomen'Andriamanitra azy ireo
[3]Izy ireo nihira ny hiran'i Mosesy, ilay mpanompon'Andriamanitra, ny hiran'ny Zanak'ondry hoe: "Lehibe sy mahatalanjona ireo asanao, Tompo Andriamanitra, ilay Avo indrindra. Marina sy mahitsy ireo lalanao, ry Mpanjakan'ireo firenena. [4]Iza no tsy hahatahotra Anao, ry Tompo, sy hanome voninahitra ny anaranao? Fa Ianao irery no masina. Ny firenena rehetra ho avy sy hivavaka eo anatrehanao satria ireo asanao marina dia efa nambara."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

[5]Taorian'ireo zavatra ireo aho dia nijery, ary nisokatra teny amin'ny lanitra ilay tempoly izay manana lain'ny fijoroana vavolombelona. [6]Nivoaka avy tao amin'ilay toerana masina indrindra ireo anjely fito mitazona ireo loza fito. Izy ireo dia miakanjo madio, lamba rongony mamiratra sy misy fehin-kibo volamena manodidina ny tratran'izy ireo.
[7]Iray tamin'ireo zava-manan'aina efatra nanome an'ireo anjely fito lovia volamena fito feno ny fahatezeran'Andriamanitra, ilay velona mandrakizay doria. [8]Feno setroka avy amin'ny voninahitr'Andriamanitra sy avy amin'ny heriny ny tempoly. Tsy misy na iza na iza afaka miditra ao mandra-pahatanteraky ny loza fiton'ireo anjely fito.

16 [1]Nandre feo mafy niantso avy tao an-tempoly aho ary niteny tamin'ireo anjely fito hoe: "Mandehana ary araraho amin'ny tany ireo lovia fito feno ny hatezeran' Andriamanitra."
[2]Lasa ilay anjely voalohany ary nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny tany; ratra ratsy sy maharary no tonga tamin'ny olona izay nanana ny mariky ny bibi-dia, ireo izay nankalaza ny sariny.
[3]Ilay anjely faharoa nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny ranomasina. Lasa rà izany, toy ny ràn'olona maty, ary maty ny zava-manan'aina rehetra tao an-dranomasina.
[4]Ilay anjely fahatelo nandraraka ny tao an-doviany tamin'ireo ony sy loharano, ary lasa rà ireo. [5]Reko ny anjelin'ny rano manao hoe: "Marina Ianao_ilay ankehitriny sy taloha, Ilay iray Masina_ satria efa nitsara ireo zavatra ireo Ianao.[1][6]Satria ny ràn'ireo mpino sy mpaminany no nalatsak'izy ireo, dia nomenao rà ho sotroina izy ireo; izany no mendrika azy ireo."
[7]Reko ny alitara namaly hoe: "Eny, Tompo Andriamanitra lehibe, ireo fitsaranao dia marina sy mahitsy."
[8]Ilay anjely fahefatra nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny masoandro, ary nahazo alalana handoro ny olona amin'ny afo izany. [9]Main'ilay hafanana be izy ireo, ary niteny ratsy ny anaran'Andriamanitra, izay manana ny fahefana amin'ireny loza ireny. Tsy nibebaka izy ireo na nanome voninahitra Azy.
[10]Avy eo ilay anjely fahadimy nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny seza fiandrianan'ilay bibi-dia, ary nandrakotra ny fanjakany ny haizina. Nitsako ny lelany izy ireo nohon'ny fahoriana. [11]Niteny ratsy ilay Andriamanitry ny lanitra izy ireo nohon'ny fahoriana sy ratran'izy ireo, ary mbola nandà ny hibebaka amin'izay vitan'izy ireo ihany izy ireo.
[12]Ilay anjely faha-enina nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny ony lehibe, ilay Eofrata. Noritina izany mba hanomanana ny lalana ho an'ireo mpanjaka izay ho tonga avy any antsinanana. [13]Nahita fanahy maloto telo aho izay niendrika sahona mivoaka avy any am-bavan'ny dragona, avy any am-bavan'ny biby-dia, ary avy amin'ny vavan'ny mpaminany sandoka.
[14]Fa fanahin'ny demonia manao famantarana mahagaga izy ireo. Nankany amin'ireo mpanjakan'izao tontolo izao izy ireo mba hanangona azy ireo miaraka ho an'ny adin'ny andro lehiben'Andriamanitra Avo indrindra.
[15]("Indro! Avy toy ny mpangalatra Aho! Sambatra izay miambina, miaro ireo fitafiany mba tsy hivoaka mitanjaka izy ary hitan'izy ireo ny fahamenarany.") [16]Nentin'izy ireo niaraka tany amin'ny toerana izay antsoina hoe Hara-magedona amin'ny Hebreo izy ireo.
[17]Avy eo ilay anjely fahafito nandraraka ny tao an-doviany tamin'ny rivotra. Ary nisy feo mafy nivoaka avy tao an-tempoly sy avy tamin'ny seza fiandrianana, manao hoe: '"Vita izany!" [18]Nisy tselatra, kotroka, kotro-baratra, ary horohoron-tany mafy_ horohoron-tany lehibe noho izay efa nitranga hatramin'izay nisian'olona teto an-tany, ka dia mafy izany horohoron-tany izany. [19]Vaky ho fizarana telo ilay tanàna lehibe, ary rava ny tanànan'ireo firenena. Avy eo Andriamanitra niantso mba hahatsiaro an'i Babylona lehibe, ary nomeny izany tanàna izany ny kapoaka feno divay vita avy amin'ny firehetan'ny fahatezerany.
[20]Nanjavona ny nosy rehetra, ary tsy hita intsony ireo tendrombohitra. [21]Nisy havandra vaventy, milanja eo amin'ny talenta iray eo, nidina avy any an-danitra ho amin'ny olona. Nanozona an'Andriamanitra izy ireo nohon'ny loza avy tamin'ny havandra satria tena mafy loatra izany loza izany.

---

[1]Fanamarihana: Ny antontan-taratasy sasany taloha dia mamaky hoe: "Marina Ianao, Tompo_ Ilay ankehitriny sy taloha ary ho avy, satria efa nitsara ireo zavatra ireo Ianao."

---

17 [1]Iray tamin'ireo anjely fito izay nitazona ireo lovia volamena fito nanatona sy niteny tamiko hoe: "Avia, ho asehoko anao ny sazin'ny mpijangajanga lehibe izay mipetraka ambony rano maro. [2]Niaraka taminy no nampijangajanga an'ireo mpanjakan'ny tany. Ny divain'ny fijangajangany no nahamamo ireo mponin'ny tany."
[3]Avy eo ilay anjely nitondra ahy tamin'ny Fanahy tany amin'ny tany karakaina, ary nahita vehivavy nipetraka teo ambony bibi-dia mena izay feno anarana teny ratsy aho. Ilay bibi-dia dia manana loha fito sy tandroka folo. [4]Ilay vehivavy dia niakanjo voloparasy sy mena ary voaravaka volamena, vato sarobidy, ary vato soa. Izy dia nitazona tamin'ny tanany kapoaka volamena feno ireo zavatra maharikoriko sy ireo tsy fahadiovan'ny fijangajangany. [5]Teo amin'ny handriny no nisy anarana manana dikany miafina voasoratra hoe: "Babilona lehibe, ilay renin'ireo mpijangajanga sy ny zavatra maharikorikon'ny tany."
[6]Nahita aho fa ilay vehivavy dia mamon'ny ràn'ireo mpino sy ny ràn'ireo martiry ho an' i Jesosy. Rehefa nahita azy aho, dia tena talanjona. [7]Fa ilay anjely niteny tamiko hoe: "Maninona no talanjona ianao? Ho azavaiko anao ny dikan'ilay vehivavy sy ilay bibi-dia izay mitondra azy, ilay bibi-dia izay manana loha fito sy tandroka folo.
[8]Ilay bibi-dia izay hitanao dia misy, fa tsy misy ankehitriny, fa andalam-piakarana avy any amin'ny farany ambanin'ny lavaka tsy hita noanoa. Avy eo dia hankany amin'ny fahasimbana izany. Ireo izay miaina ambony tany, ireo izay tsy

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainana hatramin'ny namoronana an'izao tontolo izao ny anarany- ho gaga izy ireo rehefa hahita fa ilay bibi-dia dia misy, fa tsy misy intsony ankehitriny, fa andalam-pihaviana.
[9]Miantso saina izay manam-pahendrena izany. Ireo loha fito dia vohitra fito izay hipetrahan'ilay vehivavy. [10]Izy ireo ihany koa dia mpanjaka fito. Mpanjaka dimy no lavo, anankiray no misy, ary ny hafa dia mbola tsy tonga; rehefa tonga izy, dia fe-potoana kely ihany no hitoerany.
[11]Ilay bibi-dia izay misy, fa tsy misy ankehitriny, mpanjaka fahavalo izy; kanefa iray amin'ireo mpanjaka fito izy, ary hankany amin'ny fahasimbana.
[12]Ireo tandroka folo izay hitanao dia mpanjaka folo izay mbola tsy nandray fanjakana, fa hahazo fahefana tahaka ny mpanjaka miaraka amin'ilay bibi-dia -mandritry ny adiny iray izy ireo. [13]Firaisan-tsaina izany, ary izy ireo dia hanome ny hery sy ny fahefan'izy ireo an'ilay bibidia. [14]Hanangan'ady manohitra ny Zanak'ondry izy ireo. Fa ny Zanak'ondry no handresy azy ireo satria Izy no Tompon'ny tompo, ary Mpanjakan'ny mpanjaka-ary miaraka aminy ireo voaantso, ireo voafidy, ary ireo manam-pinoana."
[15]Hoy ny anjely tamiko: "Ireo rano izay hitanao, teo amin'ilay nipetrahan'ilay mpijangajanga, no olona, vondron'olona, firenena, ary fiteny.
[16]Ireo tandroka folo izay hitanao-izy ireo sy ilay bibi-dia dia hankahala an'ilay mpijangajanga. Ho ataon'izy ireo lao sy mitanjaka izy, handrovitra ny nofony izy ireo, ary handoro azy tanteraka amin'ny afo. [17]Fa Andriamanitra efa nametraka izany tao am-pon'izy ireo mba hanatanteraka ny fikasany amin'ny faneken'izy ireo hanome ny herin'izy ireo hitondrana ilay bibi-dia mandra-pahatanteraky ny tenin'Andriamanitra.
[18]Ary ravehivavy, ilay hitanao no tanàna lehibe izay manjaka amin'ny mpanjakan'ny tany."

18 [1]Taorian'ireo zavatra ireo dia nahita anjely hafa izay nidina avy any an-danitra aho. Nanana fahefana lehibe izy, ary namirapiratra nohon'ny ny voninahiny ny tany. [2]Nihiaka tamin'ny feo mahery izy, niteny hoe: "Nianjera, nianjera ilay Babylona lehibe! Lasa tonga toeram-ponenan'ny demony, fialofana ho an'ireo fanahy maloto, ary fialofana ho an'ny ireo vorona maloto sy marikoriko rehetra. [3]Fa ny firenena rehetra dia nisotro ny divain'ny fitondran-tena malotony. Ireo mpanjakan'ny tany dia nanao fitondran-tena maloto taminy. Ireo mpivarotra ny tany dia tonga mpanan-karena tamin'alalan'ny fomba fiainany amin'ny nofo."
[4]Avy eo dia nandre feo hafa avy any an-danitra aho, miteny hoe: "Mialà aminy, ry oloko, mba tsy hizarany ny fahotany ao aminareo, ary mba tsy hahazonareo ireo lozany. [5]Efa nihangona tahaka ny ahavon'ny lanitra ireo fahotany, ary Andriamanitra mahatsiaro ireo asa ratsiny. [6]Mamalia azy tahaka ny namalian'ny hafa, ary valio avy roa eny izay efa vitany; tao amin'ny kapoka izay efa nofenoiny, dia fenoy avo roa eny ho azy.
[7]Toy izy nanome voninahitra ny tenany sy niaina tamin'ny tsy fiafiana, omeo azy ny fampijaliana sy ny alahelo sahaza azy. Fa izy nilaza tao am-pony nanao hoe: 'Nipetraka toy ny mpanjaka vavy aho. Tsy maty vady aho, ary tsy hisaona mandrakizay.' [8]Noho izany dia ho avy amin'ny andro iray ireo areti-mandringany: ny fahafatesana, ny fisaonana, ary ny mosary. Hodoran'ny afo izy, fa ny Tompo Andriamanitra dia mahery, ary izy no mpitsara azy."
[9]Ireo mpanjakan'ny tany izay nijangajanga sy nandeha tsy am-pieritreretana niaraka taminy dia hitomany ary hiankohoka eo anatrehany rehefa hahita ny setroky ny fahamaizany izy ireo. [10]Hijoro lavitra izy ireo, hatahotra ny fijaliany, hiteny hoe: "Loza, loza ho an'ilay tanàna lehibe, Babylona, ilay tanàna mahery, fa amin'ny ora iray dia ho avy ny sazinareo."
[11]Ireo mpivarotra ny tany dia mitomany sy misaona ho azy, satria tsy nisy olona niady varotra ho azy intsony- [12]varotra volamena, volafotsy, vato sarobidy, firavaka, lamban-drongony tena tsara, volomparasy, landy, mena, ireo karazana hazo ala, ny fanaka ivoara, ny fanaka rehetra vita avy amin'ny hazo sarobidy, varahina, vy, marbra, [13]kanelina, zava-manitra, ditin-kazo, miora, hanitra, divay, menaka, koba tsara toto, vary, biby fiompy ary ondry, soavaly sy kalesy, ireo andevo sy fanahin'olona.
[14]Ny vokatra izay tinao tamin'ny herinao rehetra dia hiala aminao. ny entanao lafo vidy sy ireo namirapiratra dia nanjavona, ary tsy ho hita intsony mandrakizay.
[15]Ny mpivarotra ireo entana izay tonga mpanan-karena noho izy dia hiala aminy lavitra nohon'ny fatahorana ny fijaliany, hitomany sy hisaona mafy. [16]Hiteny izy ireo hoe: "Loza, loza ho an'ilay tanàna lehibe izay niakanjo tamin'ny lamban-drongony tena tsara, volomparasy, sy mena, ary noravahana tamin'ny volamena, firavaka sarobidy, ary vatosoa! [17]Anatin' ny ora iray dia ho foana izany harena rehetra izany. "Ireo kapitenin-tsambo rehetra, ireo mandeha eny ambonin'ny ranomasina rehetra, tantsambo, sy izay rehetra monina an-dranomasina, dia hijoro alavitra.
[18]Nihiaka izy ireo raha vao nahita an'ilay setrokin'ny fahamaizany. Niteny izy ireo hoe: "Tanàna inona no toy ny tanàna lehibe?" [19]Nanipy vovoka teny an-dohany izy, ary nihiaka mafy, nitomany, sy nisaona, nanao hoe: "Loza, loza ho an'ilay tanàna lehibe izay nisy an'ireo rehetra nanana ireo sambo an-dranomasina no tonga mpanan-karena avy amin'ny harenany. Fa tao anaty ora iray dia simba izany." [20]"Mifalia aminy, ry lanitra, ianareo mpino, apostoly, ary mpaminany, fa Andriamanitra nitondra ny fitsaranareo taminy!"
[21]Anjely mahery iray naka vato toy ny vato lehibe ary nanipy izany tany an-dranomasina, ary nilaza hoe: "amin'izany fomba izany, Babylona, ilay tanàna lehibe, harodana arahina herisetra, ary tsy ho hita intsony. [22]Ilay feo nataon'ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

lokanga, mpitendry mozika, mpitsoka sodina, sy trompetra dia tsy ho re ao aminao intsony. Ireo mpanao asa-tanana isan-karazany dia tsy hita ao aminao intsony. Tsy hisy feon'ny vato fikosoham-bary ho re intsony eo aminao.
[23]Ny fahazavan'ny jiro, dia tsy hamirapiratra ao aminao intsony. Ireo feon'ny mpampakatra sy ampakarina dia tsy ho re ao aminao intsony, fa ny mpivarotrareo no andrian'ny tany, ary ireo firenena dia voafitaka tamin'ny famosavinareo. [24]Tao aminy no nahitana ny ràn'ilay mpaminany, sy ireo mpino, ary ny ràn'ireo rehetra izay voavono teto an-tany."

19 [1]Taorian'ireo zavatra ireo dia nandre izay toy ny feo mafin'ny vahoaka maro isa tany an-danitra aho nanao hoe: "Aleloia. Ny famonjena, ny voninahitra, ary ny hery dia an'Andriamanitsika.[2]Ireo fitsarany dia marina sy mahitsy, fa nitsara ny mpivaro-tena lehibe izay nanaratsy ny tany tamin'ny fijangajangany izy. Namaly faty ny ràn'ireo mpanompony, izay nalatsany izy."
[3]Niteny fanindroany izy ireo hoe: "Aleloia! Ny setroka dia miakatra avy aminy mandrakizay doria."[4]Ireo loholona efatra amby roapolo sy ireo zava-manan'aina efatra dia niankohoka ary nanompo an'Andriamanitra izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana. Hoy izy ireo: "Amena. Aleloia!"
[5]Dia nisy feo nivoaka avy tao amin'ny seza fiandrianana, nanao hoe: "Derao Andriamanitsika, ianareo rehetra mpanompony, ianareo izay matahotra Azy, na ny tsy manan-danja na ny mahery."
[6]Dia nandre izay toy ny feon'ny olona maro isa, toy ny firohondrohon'ny rano maro, sy toy ny fianjeran'ny kotroka mafy aho, nanao hoe: "Aleloia! Fa manjaka ny Tompo, Andriamanitra izay manapaka amin'ny rehetra.
[7]Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ary hanome voninahitra Azy satria tonga ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry, ary ny ampiakariny efa niomana. [8]Nomena alalana hiakanjo lamba rongony mamiratra sy madio izy" (fa ny lamba rongony dia ireo asa marin'ireo olo-masina).
[9]Ilay anjely niteny tamiko hoe: "Soraty izao: Sambatra ireo izay nasaina tamin'ny fety fampakaram-badin'ny Zanak'ondry. Niteny tamiko koa izy hoe: "Ireo dia teny marin'Andriamanitra." [10]Niankohoka teo amin'ny tongony mba hanompo azy aho, fa hoy izy tamiko: "Aza manao izao! Izaho dia mpiara-manompo aminao sy ireo rahalahinao izay mitana ny fijoroana vavolombelona momba an'i Jesosy. Manompoa an'Andriamanitra, fa ny fijoroana vavolombelona momba an'i Jesosy dia ny fanahin'ny faminaniana."
[11]Dia nahita ny lanitra nisokatra aho ary nijery ka nisy soavaly fotsy. Ilay mpitaingina izany dia nantsoina hoe mahatoky sy marina. Amin'ny fahamarinana no hitsarany sy hiadiany. [12]Ireo masony dia toy ny lelan'afo afo, ary eo amin'ny lohany misy satro-boninahitra maro. Manana anarana voasoratra eo aminy izay tsy misy mahafantatra afa-tsy izy ihany izy.
[13]Miakanjo akanjo lava izay natsoboka tao amin'ny rà izy, ary ny anarany dia nantsoina hoe ny Tenin'Andriamanitra.
[14]Ireo tafiky ny lanitra dia nanaraka azy tamin'ny soavaly fotsy, miakanjo lamba rongony, fotsy sy madio. [15]Avy ao amin'ny vavany no mivoaka ny sabatra maranitra izay amin'izany no hamelezany ireo firenena, ary hanapaka azy ireo amin'ny tehina vy izy. Manitsaka ao amin'ny famiazan'ny fahaviniran'ny fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha izy. [16]Manana anarana voasoratra eo amin'ny akanjo lavany eo amin'ny feny izy hoe: "Mpanjakan'ireo mpanjaka sy Tompon'ireo tompo."
[17]Nahita anjely nitsangana teo amin'ny masoandro aho. Niantso tamin'ny feo mahery ireo vorona manidina ambony rehetra izy hoe: "Avia, miangòna ho an'ny fety lehiben'Andriamanitra. [18]Avia ihinana ny nofon'ireo mpanjaka, ny nofon'ireo mpitari-tafika, ny nofon'ireo lehilahy mahery, ny nofon'ireo soavaly sy ireo mpitaingina izany, ary ny nofon'ny lehilahy rehetra, ny afaka sy ny andevo, ny tsy manan-danja sy ny mahery."
[19]Nahita ny bibi-dia sy ireo mpanjakan'ny tany niaraka tamin'ny tafik'izy ireo aho. Niangona izy ireo mba hiady amin'ny iray izay nitaingina ny soavaly sy amin'ny tafiny. [20]Voasambotra ilay bibi-dia ary niaraka taminy ny mpaminany sandoka izay nanao ireo famantarana teo anatrehany. Tamin'ireo famantarana ireo no namitahany ireo izay nandray ny mariky ny bibi-dia sy ireo izay nanompo ny sariny. Izy roa ireo dia natsipy velona tao anaty farihin'afo mirehitra solifara.
[21]Ny ambin'izy ireo dia novonoina tamin'ny sabatra izay nivoaka ny vavan'ny iray izay nitaingina ny soavaly. Ny vorona rehetra nihinana ny nofo mangatsiakan'izy ireo.

20 [1]Ary nahita anjely nidina avy tany an-danitra aho. Nanana ny fanalahidin'ny lavaka tsy hita noanoa izy, ary nanana rojo vy lehibe teny an-tanany. [2]Nisambotra an'ilay dragona izy, ny menarana fahiny, ilay devoly, na satana, ary nofatorany arivo taona. [3]Natsipiny tany amin'ny lavaka tsy hita noanoa izy, nohidiny izany ary nasina tombo-kase teo aminy. Natao izany mba tsy hamitahany ny firenena maro intsony mandra-pahatapitry ny arivo taona. Aorian'izany, dia tsy maintsy havotsotra fotoana kelikely izy.
[4]Ary nahita seza fiandrianana maro aho. Nipetraka teo amboniny ireo izay nomena fahefana mitsara. Nahita ny fanahin'ireo izay notapahin-doha aho noho ny fijoroana vavolombelona mahakasika an'i Jesosy ary nohon'ny tenin'Andriamanitra. Tsy niankohoka tamin'ny bibi-dia na tamin'ny sariny izy ireo, ary izy ireo dia nandà ny handray ny mariky ny bibi-dia teo amin'ny handriny na teo amin'ny tanany. Tonga velona indray izy ireo, ary nanjaka niaraka tamin'i Kristy nandritran'ny arivo taona.
[5]Ny ambin'ireo maty dia tsy velona mandra-pahatapitry ny arivo taona. Izany no fitsanganana voalohany. [6]Sambatra ary masina izay olona manana anjara amin'ny fitsanganana voalohany! Eo anatrehan'izany dia tsy manan-kery ny

fahafatesana faharoa. Izy ireo dia ho mpisorona an'Andriamanitra sy Kristy ary hanjaka miaraka Aminy mandritran'ny arivo taona.
[7]Rehefa tapitra ny arivo taona, dia hovahana ao amin'ny tranomaiziny Satana. [8]Hivoaka izy mba hamitaka ny firenena maro eny amin'ny vazan-tany efatra—Goga sy Magoga—mba hitondra azy ireo miaraka ho any amin'ny ady. Izy ireo dia ho betsaka tahaka ny fasiky ny ranomasina.
[9]Niakatra teo ambonin'ny tany lemaka izy ireo ary nanodidina ny tobin'ireo mpino, ilay tanàna malala. Nefa nisy afo nidina avy tany an-danitra ary nandripaka azy ireo. [10]Ny devoly, izay namitaka azy ireo, dia natsipy tao amin'ny farihy afo solifara, toerana izay hanipazana ny bibi-dia sy ny mpaminany sandoka. Ary ho ampijaliana andro aman'alina mandrakizay ary mandrakizay izy ireo.
[11]Ary nahita seza fiandrianana fotsy lehibe aho sy ilay nipetraka teo amboniny. Ny tany sy ny lanitra dia nandositra ny fanatrehany, kanefa tsy nisy toerana andehanan'izy ireo. [12]Nahita ny maty aho—ny lehibe ary ny kely— nijoro teo anoloan'ny seza fiandrianana, ary novelarina ireo boky. Ary nisy boky anankiray novelarina—Ny Bokin'ny Fiainana. Ny maty dia notsaraina araka izay voasoratra tao amin'ireo boky, araka ireo asany.
[13]Ny ranomasina namoaka ny maty izay tao anatiny. Ny fahafatesana sy ireo fiainan-tsy hita dia namoaka ny maty izay tao amin'izy ireo, ary ny maty dia notsaraina araka ny zavatra nataony. [14]Ny fahafatesana sy ny fiainan-tsy hita dia natsipy tao amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa— dia ny farihy afo. [15]Raha nisy anarana tsy hita voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainana, dia natsipy tao amin'ny farihy afo.

21 [1]Avy eo aho nahita lanitra vaovao sy tany vaovao, fa foana ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany, ary tsy nisy intsony ny ranomasina. [2]Hitako ilay tanàna masina, Jerosalema vaovao, izay nidina avy any an-danitra avy amin'Andriamanitra, voaomana tahaka ny ampakarina ampihaingoana ho an'ny vadiny.
[3]Nandre feo mahery avy any amin'ny seza fiandrianana aho manao hoe: "Indro! Eo amin'ny olona ny toeran'ny tabernakelin'Andriamanitra, ary hiaina miaraka amin'izy ireo izy. Ho olony izy ireo, ary Andriamanitra tenany hiaraka amin'izy ireo ary Izy ho Andriamanitr'izy ireo. [4]Hamafa ny ranomaso rehetra amin'ny mason'izy ireo Izy, ary tsy hisy fahafatesana intsony, na alahelo, na tomany, na fanaintainana. Efa lasa ireo zavatra teo aloha.
[5]Ilay iray izay nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana niteny hoe: "Indro! Nataoko vaovao ny zavatra rehetra." Hoy Izy: "Soraty izao satria ireto teny ireto dia mahatoky sy marina." [6]Hoy Izy tamiko hoe: "Efa vita ireo zavatra ireo! Izaho no Alfa sy Omega, ilay fiandohana sy fiafarana. Izay mangetaheta dia homeko ho sotroina maimaim-poana avy amin'ny loharanon'ny fiainana.
[7]Izay mandresy dia handova ireo zavatra ireo, ary Izaho no ho Andriamaniny, ary izy ho zanako. [8]Fa ireo osa, tsy manam-pinoana, maharikoriko, mpamono olona, mpijangajanga, mpanao ody, mpanompo sampy, sy mpandainga, dia any amin'ny farihy mirehitr'afo solifara no toeran'izy ireo. Izany no fahafatesana faharoa."
[9]Nanatona ahy ny iray tamin'ireo anjely fito, ilay iray izay nanana ireo lovia fito feno ireo loza fito farany, ary hoy izy hoe: "Avy ety. Ho asehoko anao ilay ampakarina, ilay vadin'ny Zanak'ondry." [10]Avy eo dia noentiny tamin'ny Fanahy tany amin'ny tendrombohitra avo aho ary nasehony ahy ilay Jerosalema tanàna masina midina avy any an-danitra avy amin'Andriamanitra.
[11]Nanana ny voninahitr'Andriamanitra i Jerosalema, ary ny famirapiratany dia tahaka ny vato soa sarobidy, tahaka ny vato kristalina jaspy madio. [12]Nanana rindrina avo lehibe niaraka tamin'ny vavahady roa ambin'ny folo izany, niaraka tamin'ny anjely roa ambin'ny folo teo amin'ireo vavahady. Teo amin'ireo vavahady no voasoratra ny anaran'ireo foko roa ambin'ny folon'ny zanak'Israely. [13]Nisy vavahady telo teo antsinanana, vavahady telo teo avaratra, vavahady telo teo atsimo, ary vavahady telo teo andrefana.
[14]Nanana fototra roa ambin'ny folo ny rindrin'ilay tanàna, ary teo amin'ireo no nisy ireo anarana roa ambin'ny folon'ny apostolin'ny Zanak'ondry. [15]Ilay iray izay niresaka tamiko dia nanana fandrefesana volotara vita tamin'ny volamena mba handrefesana ny tanàna, ireo vavahadiny, ary ny rindriny.
[16]Miendrika efa-joro ilay tanàna; mitovy ny lavany sy ny sakany. Nandrefy ny tanàna tamin'ilay fandrefesana volotara izy, roa arivo stadio ny halavany (mitovy ny lavany, sakany, ary hahavony). [17]Nandrefy ny rindrin'izany koa izy, 114 hakiho raha refin'ny olona (izay refin'ny anjely ihany koa).
[18]Vita tamin'ny jaspy ilay rindrina ary tamin'ny volamena tsy misy fangarony, tahaka ny fitaratra madio. [19]Ny fototr'ilay rindrina dia voaravaka tamin'ireo karazana vato sarobidy rehetra. Ny voalohany dia jaspy, ny faharoa safira, ny fahatelo kalkedona, ny fahefatra emeralda, [20]ny fahadimy sardoniksa, ny fahenina karneola, ny fahafito krysolita, ny fahavalo beryla, ny fahasivy topaza, ny fahafolo krysopraso, ny faha iraika ambin'ny folo jacinta, ny faha roa ambin'ny folo ametysta.
[21]Ny vavahady roa ambin'ny folo dia vato soa roa ambin'ny folo; ny tsirairay amin'ireo vavahady dia vita tamin'ny vato soa iray. Ireo lalam-be teo an-tanàna dia volamena tsy misy fangarony, tahaka ny fitaratra mangarahara. [22]Tsy nahita tempoly tao amin'ny tanàna aho, satria Tompo Andriamanitra Tsitoha sy ny Zanak'ondry no tempoliny.
[23]Ny tanàna dia tsy nila masoandro na volana mba hamirapiratra amin'izany satria ny voninahitr'Andriamanitra dia namirapiratra tamin'izany, ary ny Zanak'ondry no jiron'izany. [24]Handeha amin'ny fahazavan'izany tanàna izany ireo

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026

firenena. Ireo mpanjakan'ny tany dia hitondra ny fahatsaran'izy ireo ho ao amin'izany.[1] [25]Tsy hidy ireo vavahadin'izany mandritry ny andro, ary tsy hisy alina any.
[26]Hitondra ny fahatsarana sy ny hajan'ireo firenena ao amin'izany izy ireo, [27]ary tsy hisy maloto hiditra ao amin'izany mihitsy. Tsy hisy na iza na iza hanao zavatra mahamenatra na mamitaka hiditra ao, fa ireo izay voasoratra anarana ao amin'ny Bokin'ny Zanak'ondrin'ny fiainana ihany.

[1]Fanamarihana: Ny antontan-taratasy taloha sasany dia mivaky hoe: "Ireo firenena izay voavonjy dia handeha amin'ny fahazavan'izany tanàna izany."

22 [1]Ary nasehon'ilay anjely ahy ilay onin'ny ranon'ny fiainana, madio tahaka ny kristaly. Izany dia mikoriana avy any amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry [2]mamakivaky eo afovoan'ny lalan'ny tanàna. Ary ny andaniny roa amin'ny ony dia samy misy ilay hazon'ny fiainana, mamoa karazana voa roa ambin'ny folo, ary izany dia mamoa ny voany isam-bolana. Ny ravin'izany hazo izany dia natao hanasitrana ny firenena rehetra.
[3]Ka tsy hisy intsony ny voahozona. Ny seza fiandrianan'Andriamanitra sy ny Zanak'ondry dia ho ao amin'ny tanàna, ary ireo mpanompony dia hanompo Azy. [4]Hahita ny Endriny izy ireo, ary ny Anarany dia ho eo amin'ny handrin'izy ireo. [5]Ka tsy hisy alina intsony; izy ireo dia tsy mila fahazavan'ny jiro na ny masoandro intsony satria ny Tompo Andriamanitra no hazava eo amin'izy ireo. Ary hanjaka mandrakizay doria izy ireo.
[6]Hoy ilay anjely tamiko: "Ireo teny ireo dia azo atokisana sy marina. Ny tompo, ilay Andriamanitr'ireo fanahin'ireo mpaminany, dia nandefa ny anjeliny mba hampiseho izay zavatra tsy maintsy hitranga tsy ho ela amin'ireo mpanompony." [7]Indro! Efa akaiky ny fihaviako! Sambatra izay mankàto ireo tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity."
[8]Izaho, Jaona, ilay iray izay nandre sy nahita ireo zavatra ireo. Rehefa nandre sy nahita izany aho, dia niankohoka teo amin'ny tongotr'ilay anjely ny tenako mba hidera azy, ilay anjely izay nampiseho ahy ireo zavatra ireo. [9]Hoy izy tamiko: "Aza manao izany! Fa mpanompo namanao miaraka aminao aho, miaraka amin'ireo mpaminany rahalahinao, ary miaraka amin'ireo izay mankàto ireo tenin'ity boky ity. Miderà an'Andriamanitra!"
[10]Hoy izy tamiko: "Aza asiana tombo-kase ireo tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity, fa antomotra ny fotoana. [11]Izay manao ny tsy marina, avelao izy hanohy ny tsy fahamarinana. Izay maloto fiaina, avelao izy hanohy ny fiainany maloto. Izay marina, avelao izy hanohy ny fanaovana ny marina. Izay masina, avelao izy hanohy ny fahamasinana."
[12]"Indro! Efa akaiky ny fihaviako. Ny valisoako dia miaraka amiko, mba hamaliako ny tsirairay araka ny zava-bitany.
[13]Izaho no Alfa sy Omega, ny voalohany sy ny farany, ny fiandohana sy ny fiafarana.
[14]Sambatra ireo izay manasa ny akanjon'izy ireo mba hahazo alalana mihinana avy amin'ny hazon'ny fiainana sy hiditra ao amin'ny tanàna avy eo amin'ny vavahady.[1] [15]Fa any ivelany ireo alika, ireo mpanao ody, ireo mpijangajanga, ireo mpamono olona, ireo mpanompo sampy, ary izay rehetra tia mandainga sy ireo mpandainga.
[16]Izaho, Jesosy, dia nandefa ny anjeliko mba hanambara aminareo ireo zavatra ho an'ireo fiangonana. Izaho no fakany sy taranak'i Davida, ilay kintana mamirapiratra maraina."
[17]Ny Fanahy sy ny Ampakarina manao hoe: "Avia!" Aoka izay mandre hiteny hoe: "Avia!" Na iza na iza mangetaheta, aoka izy hanatona, ary na iza na iza maniry izany, aoka izy hahazo maimaim-poana ny ranon'ny fiainana.
[18]Izaho dia manambara amin'izay rehetra mandre ny tenin'ny faminaniana amin'ity boky ity: "Raha misy manampy ireo, Andriamanitra hanampy loza ho azy izay voasoratra ao amin'ity boky ity. [19]Raha misy manaisotra ny teny faminaniana amin'ity boky ity, Andriamanitra dia hanaisotra ny anjarany amin'ny hazon'ny fiainana sy ny tanàna masina izay voasoratra ao anatin'ity boky ity."[2]
[20]Hoy ilay iray izay manambara ireo zavatra ireo: "Eny! Efa akaiky ny fihaviako." Amena! Tongava, ry Tompo Jesosy! [21]Ho amin'ny olona rehetra anie ny fahasoavan'ny Tompo Jesosy. Amena.

[1]Fanamarihana: Raha tokony: "Sambatra ireo izay manasa ny ankanjon'izy ireo." Ireo antontan-taratasy hafa taloha dia mivaky hoe: "Sambatra ireo izay manao ny didiny."
[2]Fanamarihana: Ny antontan-taratasy taloha dia mivaky hoe: "Andriamanitra hanaisotra ny anjarany ao amin'ny Bokin'ny Fiainana ary ao amin'ny tanàna masina izay voasoratra ao amin'ity boky ity."

generated on Sat Apr 18 11:10:27 2026